# Mahafaly: Bible, Unlocked Literal Bible for 1 Chronicles, 1 Corinthians, 1 John, 1 Kings, 1 Peter, 1 Samuel, 1 Thessalonians, 1 Timothy, 2 Chronicles, 2 Corinthians, 2 John, 2 Kings, 2 Peter, 2 Samuel, 2 Thessalonians, 2 Timothy, 3 John, Acts, Amos, Colossians, Daniel, Deuteronomy, Ecclesiastes, Ephesians, Esther, Exodus, Ezekiel, Ezra, Galatians, Genesis, Habakkuk, Haggai, Hebrews, Hosea, Isaiah, James, Jeremiah, Job, Joel, John, Jonah, Joshua, Jude, Judges, Lamentations, Leviticus, Luke, Malachi, Mark, Matthew, Micah, Nahum, Nehemiah, Numbers, Obadiah, Philemon, Philippians, Proverbs, Psalms, Revelation, Romans, Ruth, Song of Solomon, Titus, Zechariah, Zephaniah

Formatted for Translators



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

©2022 Wycliffe Associates
Released under a Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Bible Text: The English Unlocked Literal Bible (ULB)
©2017 Wycliffe Associates
Available at https://bibleineverylanguage.org/translations
The English Unlocked Literal Bible is based on the unfoldingWord® Literal Text, CC BY-SA 4.0. The original work of the unfoldingWord® Literal Text is available at https://unfoldingword.bible/ult/.
The ULB is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Notes: English ULB Translation Notes
©2017 Wycliffe Associates
Available at https://bibleineverylanguage.org/translations
The English ULB Translation Notes is based on the unfoldingWord translationNotes, under CC BY-SA 4.0. The original unfoldingWord work is available at https://unfoldingword.bible/utn.
The ULB Notes is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

To view a copy of the CC BY-SA 4.0 license visit http://creativecommons.org/licenses/by-sa/4.0/

Below is a human-readable summary of (and not a substitute for) the license.
You are free to:

- Share — copy and redistribute the material in any medium or format.
- Adapt — remix, transform, and build upon the material for any purpose, even commercially.

The licensor cannot revoke these freedoms as long as you follow the license terms.
Under the following conditions:

- Attribution — You must attribute the work as follows: "Original work available at https://BibleInEveryLanguage.org." Attribution statements in derivative works should not in any way suggest that we endorse you or your use of this work.
- ShareAlike — If you remix, transform, or build upon the material, you must distribute your contributions under the same license as the original.
- No additional restrictions — You may not apply legal terms or technological measures that legally restrict others from doing anything the license permits.

Notices:
You do not have to comply with the license for elements of the material in the public domain or where your use is permitted by an applicable exception or limitation.
No warranties are given. The license may not give you all of the permissions necessary for your intended use. For example, other rights such as publicity, privacy, or moral rights may limit how you use the material.

# Genesis

Chapter 1

[1]Tagne am-boalohane, Andragnahare namboatse ty lagnitse naho ty tane. [2]Tsy nisy tarihine vaho foagne ty tane.
Nandrakotse ty rano lalike ty ieke. Vaho nirere teo ambony ty rano ty Fagnahy ty Andragnahare.[3]Nanao tihoe
Andragnahare tihoe: "Lonike hisy mazava," le nisy ny mazava. [4]Hisa ty Andragnahare ty fahazava, vaho hisake te
soa zane. Nampisarake ty hazava tamy ty ieke Re. [5]Andragnahre nikaike ty mzava tihoe: andro," vaho nikaike ty
maike tihoe: "halike." Le nisy hariva naho maraindray zane, ty andro voalohane.[6]Nanao tihoe Andragnahare:
"Lonike hisy habakabake eo ampignivoa ty rano, vaho lonike zane hagnasarake ty rano amy ty rano."
[7]Andragnahare nanao ty habakabake naho nagnasarake ty rano zay tao ambany iaze habakabake tamy ty rano
zay teo ambone iaze habakabake. Le nisy zane. [8]Vaho nikaike Ty Andragnahare tihoe: "lagnitse" iaze habakabaka.
Le nisy hariva naho maraindray zane, ty andro faharoe.[9]Nanao tihoe Andragnahare: "Lonike ty rano ambany ty
lagnitse hivory amy ty toera raike, vaho lonike hiseho ty tane maike." Le natao zane. [10]Kinaike ty Andragnahare
tihoe: "tane" ty tane maike, vaho ty rano mivory nataone tihoe: "ranomasy." Hisane te soa zane.[11]Nanao tihoe
Andragnahare: "Lonike ty tane hitiry zaka-maitso: zaka-mitiry mamoa voa vaho hetae hamokatse vokatse zay
misy ty voa ao amine, arake ty karazane iaby." Le nisy zane. [12]Namokatse zaka-maitso ty tane, ty zaka-mitiry
mamoa voa arake ty karazane iaby, vaho ty hetae mamokatse voankazo zay ao amine ty voane, arake ty karazane
iaby. Le hisa ty Andragnahare te soa zane. [13]Le nisy hariva naho maraindray zane, ty nadro fahatelo.[14]Nanao tihoe
Andragnahare: "Lonike hisy ty mazava eo amy ty lagnitse soa hagnasarake ty andro amy ty halike vaho lonike
reo hanahake ty famantara, ho ahy ty vanem-potoa, naho ho ahy reo andro vaho reo tao. [15]Lonike reo ho mazava
eo amy ty lagnitse soa hagnome hazava egne amy ty tane. Le nisy zane.[16]Andragnahare nanao reo hazava roe
befoloay, iaze hazava befoloay loatse sosa hagnamarike ty andro, vaho ty hazava kelekele loatse soa hagnamarike
ty halike. Namboatse vasia avao kea Re. [17]Nandefa zane tegne amy ty lagnitse Andragnahare soa hagnome hazava
ty tane, [18]soa hanapake ty andro naho ty halike, vaho soa hagnasake ty hazava amy ty ieke. Hisa ty Anragnahare
te soa zane. [19]Le nisy hariva naho marindray zane, ty andro faha-efatse.[20]Nanao tihoe Andragnahare tihoe:
"Lonike ho feno zaka mana-piay lahialy agn'isake ty rano, vaho lonike ty voro hitily ambony ty tane egne amy ty
habakabake ty lagnitse." [21]Andragnahare namoro reo bibin-dranomasy bevata, vaho kea reo karazan-jaka-
manam-piay iaby, reo zaka-mana-piay mihetsike naho zay mameno ty rano egny iaby egny, vaho reo karaza voro-
managn'elatse iaby. Hisa ty Aandragnahare te soa zane.[22]Nitsipi-rano aiereo Andragnahare, nanao tihoe:
"Miteraha maro vaho mihamaroa, le mamenoa ty rano ao amy ty ranomsy. Lonike hihamaro egny ambony ty
tane reo voro." [23]Le nisy hariva naho maraindray zane, ty andro fahadimy.[24]Nanao tihoe Andragnahare tihoe:
"Lonike ty tane hamokatse zaka-mana-piay, arakae ty karazane iaby, reo biby fihare, zaka-milaly, naho bibi-ly ty
tane, arake ty karazane iaby." Le nisy zane. [25]Namboary ty Andragnahare arake ty karazane iaby reo bibi-ly ty
tane, reo biby fihare arake ty karazane iaby, vaho reo raraha iaby ze mikisake amy ty tane arake ty karazane iaby.
Hisagne te soa zane.[26]Nanao tihoe Andragnahare: "Andeha tika hamboatse ndaty amy ty terehetika, manahake
antika. Lonike iareo hanjaka eo amy reo hazan-dranomasy, eo amy reo voro ty lagnitse, eo amy reo biby fihare,
magnera try tane iaby, vaho eo amy reo raraha mikisake iaby zay milaly egny ambony ty tane." [27]Andragnahare
namboatse ty ndaty arake ty tarehine. Tamy ty tarehine manoka ro nomorognane aze. Lahy na ampela ro
namorognane aiereo.[28]Nitsi-pirano aiereo Andragnahare le nitalily tamy iareo tihoe: Misamaha lahialy, vaho
mihamaroa. Mamenoa ty tane, vaho hanjakao zane. Manàgna fanjaka eo amy reo hazan-dranomasy, eo amy reo
voro ty habakabake, vaho eo amy reo zaka-mana-piay iaby zay mihetsike egne ambony ty tane." [29]Nanao tihoe ty
Andragnahare: "Ingo, fa nomeiko anareo ty zaka-maitso iaby mamoa voa zay eto ambony ty tane iaby, vaho ty
hetae iaby zay mamokatse voa ao amine. Ho fihinanareo rey.[30]Ho ahy ty bibi-ly ty tane, ho ahy reo voro ty
habakabake, naho ho ahy reo raraha iaby zay mikasike amy ty tane, vaho ho ahy reo zaka-mana-piay zay mana
fofo-piay eto an-tane ro ro nagnomezako ty zaka-maitso iaby ho fihina." Le nisy zane. [31]Hisagny ty Andragnahare
reo zaka-iaby zan namboarine. Ingo, vantane soa zane. Le nisy hariva naho maraindray zane, ty anro faha-ene.

Chapter 2

[1]Vaho le vita ty lagnitse naho ty tane, naho ty zaka-mana-piay iaby zay mameno aze. [2]Tamy ty andro fahafito Andragnahareo le fa namara ty asane zay nataone, le noho zane le nitofa tamy ty asane iaby Re tamy ty andro fahafito. [3]Nitahy ty Andragnahare ty nadro fahafito vaho nagnamasy zane, satria tamy zane ro ntofane tamy ty asa iaby zay nataone tamy ty famorognane.[4]Reto ty seho mikasike ty lagnitse naho ty tane, laha namboarine zane, tamy ty andro zay namorogna ty Yaveh Andragnhareo ty tane naho ty lagnitse. [5]Tsy mboe nisy kirihitsy ty baibo tegny amy ty tane, vaho tsy mboe nitiry ty zaka-mitiry tegny am-baibo, satria Yaveh Andragnahare tsy mboe nandatsake ora tamy ty tane, vaho tsy nisy ndaty niasa tane. [6]Te nisy ado bak'amy ty tane le nandeha ty velara ty tane iaby.[7]Nipakopako ty ndaty bak'amy ty leboky ty tane Yaveh Andragnahare, vaho nitiofine tamy ty fofo ty fiay ty fahaveloma ty vava ty orone, le nanjary ondaty. [8]Yaveh Andragnahare nagnamboatse baibo tao atignana, tao Edena, vaho natobone tao ty ndaty zay namboarine.[9]Tambony ty tane ro nampitiry Yaveh Andragnahare ty hetae iaby zay hisake tr mahafinaritse ty maso sade soa ho amy ty mahatajake. Agnisany zane ty hetae-piay zay teo ampagnivoa ty baibo, naho ty hetae ty fahaiaza ty soa naho ty rate. [10]Nisy sihanake niboake bak'ao Edena nanondrake ty baibo. Nizarazara bak'agne zane le nanjary sihanake efatse.[11]Pisona ro agnara iaze voalaohane. Reke arere avaoa ro mandeha magnodidy iaze tane iaby ndre havila, zay misy volamena. [12]Soa ty volamena zane tane zane. Misy bedola naho vato berila avao kea.[13]Gihona ro agnara iaze sihanake faharoe. Reke io le mandeha magnera ty tane Kosy. [14]Ty agnara iaze sihanake fahatelo le Tigra, zay mandeha atignana ndre Asyria. Eofrata ty sihanake faha-efatse.[15]Nala Yaveh Andragnahare ty lehilahy vaho nampitoboke aze tao amy ty baibo Edena soa hiasa naho hitajake zane. [16]Nandily an-dralehilahy Yaveh Andragnahare, nanao tihoe: "Bak'amy ty hetae iaby agny amy ty baibo le azonao hihinana. [17]Te bak'amy iaze hetae ty fahaiza ty soa naho ty rate kea ro tsy azonao hihinana, te amy ty andro hihinananao bak'amu zane, le h maty vantane iriha."[18]Bak'eo Yaveh Andragnahare nitsara tihoe: "Tsy soa laha raike avao ty lehilahy. hagnamboarako ragnitse sahaza aze re." [19]Bak'amy ty tane ro nagnamboara Yaveh Andragnahare ty biby ty baibo iaby naho ty voro ty habakabake iaby. Vaho nandesine teo amy ty lehilahy iaby soa hisane zay mete hikaihane aze. Na ino na ino nikaiha ty lehilahy ty zaka-mana-piay kiraikirake, le zane ro agnarane. [20]Nomey ty lehilahy agnara iabu ty biby fihare, ty voro-mitily iaby egny amy ty habakabake, vaho ty bibily ty baibo. Nefa tsy nahisake namana maeva aze ralehilahy.[21]Nampatory Yaveh Andragnahare lalike ralehilahy, le natory ralehilahy. Nangalake raiuke tamy ty taolan-tahezena Yaveh Andragnahare nagnakatoke ty nofotse zay nangalane iaze taolan-taheza. [22]Tamy iaze taolan-taheza zay nala Yaveh Andragnahare tamy ty lehilahy, ro nagnamboarane ampela raike naho nandesane aze teo amy ty ralehilahy. [23]Nanao tihoe ty lehilahy: "Zao kea, le taola bak'amy ty taoloko toy, vaho nofotse bak'amy ty nofotsiko. Hokaihiko tihoe 'Ampela re' re, satria nala bak'amy ty lehilahy."[24]Noho zane hagnenga ty raene naho ty renine ty lehilahy, hiharo amy ty valine re, vaho hajary nofotse raike iareo. [25]Sambe nihalo iareo, ty lehilahy naho ty valine, te tsy nahay megnatse.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Vaho ty menarana le mahihitsy loatse noho ty bibili iaby teo amy ty baibo zay namboary Yaveh Andragnahare.
Vaho nanao tihoe re tamy ty ampela: "Vantane nitalily vao Andragnahare tihoe: 'Tsy azonareo hitava ty hetae
iaby ao amy ty baibo?'" [2]Le nanao tihoe ampela igny tamy iaze menarana: "Azonay hitava ty voa ty hetae ao am-
baibo, [3]te momba ty hetae zay eo ampagnivoa ty baibo kea, le nanao tihoe ty Andragnahare: ' Tsy azonareo ataoa
ty mitava zane, na mikasike zane, sao ho maty nareo.'"[4]Nanao tihoe iaze menara tamy ty Ampela: "Tsy ho maty
zane nareo. Tsy ho maty zane nareo. [5]Te hay ty Andragnahare te amy ty andro hitavanareo zane le hahirayse ty
fajonareo, mahay ty soa naho ty raty." [6]Lafa hisagny ty ampela te soa ho hany ty hetae, sady nahafinaritse ty
maso, vaho iaze hetae le nampagniry te mampahendre, le nangalake ty sasane tamy ty voane re le nitava zane.
Bak'eo nomeine avao kea ty valine zay niarake tamine, le nitava re.[7]Nahisake ty maso iareo, le hay iareo te nihalo
iareo. Nanjaitse ravy ty aveavy nakamba iareo vaho nagnamboatse fisikina ho ahy ty vatane. [8]Nahare ty feo
Yaveh Andragnahare nandehandeha tao amy ty baibo iareo laha malomaloke igny ty andro, le nilietse ty
fagnatreha Yaveh Andragnahare tei amy reo hetae ty baibo ty lehilahy naho ty valine.[9]Nikaike ahy ty lehilahy
Yaveh Andragnahare le nanao tamine tihoe: "Aia iriha?" [10]Nanao tihoe ty lehilahy: "Naheno Anao tao am-baibo
raho, le natahotse raho, satria nihalo. Noho zane le nivony raho." [11]Nanao tihoe ty Andragnahare: "ia ro nitalily
taminao te nihalo iriha? Nao iriha vao nitava bak'amy iaze hetae zay nandiliako anao tsy hitavà?[12]Nanao tihoe
ralehilahy: "Ty ampela zay nomeinao hiarake amiko, reke ahike ty voa bak'amy iaze hetae, le nihina zane raho."
[13]Vaho nanao tihoe Andragnahare tamin'ampela igny tihoe: "Ino raha nanoenao zao?" Nanao tihoe ampela igny:
"Navande tamiko ty biby lava, le nihina raho."[14]Le nanao tihoe Yaveh Andragnahare tamy iaze biby lava: "satria
nanao zao iriha, le iriha raike ro voaozo amy ty biby fihare naho ty bibi-ly ty baibo iaby. Amy ty tronao ro
handehananao vaho leboke ro fihinanao amy ty andro iaby hiaignanao. [15]Hasiako fifandrafia eo aminao naho ty
ampela, vaho eo amy ty taranakao naho ty taranagne. Hanorotoro ty lohanao re, vaho iriha kea hanorotoro ty
tondrobein-tombone."[16]Le nanao tihoe Re tamin'ampela iagny: "Hampitomboiko ty fanaintaignanao laha
misamake; amy ty fanaintaigna ro hisamahanao reo anagnao. Ty fagnirianao le ho ahy ty valinao, te re kea
hanapake eo aminao."[17]Le nanao tihoe Re tamy ndre Adama: "Satria niheno ty feo ty valinao iriha, vaho nitava
tamy ty hetae, mikasiky zy nandiliako anao, titihoe: 'Tsy azonareo hihinana zane,' le voaozo ty tane noho ty
aminao amy ty alala ty asa feno fanaintaigna ro hihinanao bak'amy zane amy ty andro iaby hiaignanao.
[18]Hamokatse fatike naho songosongo ho anaozane, vaho hihina reo zaka-mitiry ty baibo iriha. [19]Amy ty lignitsy ty
vatanao ro hihinanao mofo, mandra-piholianao amy ty tane, te bak'amy zane ro nangala anao. Te leboke iriha,
vaho mboe holy leboky ndraike."[20]Eva ro natao ty lehilahy igny ty agnaram-baline satria reke ro rene ty mana-
piay iaby. [21]Le nagnamboara Yaveh Andragnahare akanjo holitse re Adama naho ty valine le nampisiky aiereo.
[22]Le nanao tihoe Andragnahare tihoe: "Amy henany zao le fa nanjary manahaky ty raiky amintika lehilahy igny
mahay ty soa naho ty rate. Kea amy henany zao le tsy azone atao ty mamelatse ty tagnane, mangalake bak'eo amy
ty hetae ty fiay, hihina zane, le ho velo zisikam-parane. [23]Le noho zane le niroahy Yaveh Andragnahare hiala tao
amy ty baibo Edena re, soa hiasa ty tanezay nangala aze. [24]Zane le niroasy ty Andragnahare hiala ty baibo ty
lehilahy, vaho napipoke kerobima teo atignana ty baibo Edena Re, vaho meso meso mirehits'afo zay
mihodikodike, soa hiamby ty lala mandeha agne amy ty hazo ty fiay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 4

[1]Niarake-nandre tamy Eva valine ty lehilahy. Nibevoka re vaho nisamake ahy ndre Kaina. Nanao thoe re: "Nahazo
ajajalahy raho noho ty fagnampea Yaveh." [2]Bak'eo le nisamake ahy ndre Abela rahalahine ndraike re. Vaho Abela
lasa mpiamby aondre, te re Kaina kea nambole ty tane.[3]Lafa nandeha ty fotoa le nandesa ilane tamy ty vokatse ty
tane ho fagnatitse ho ahy Yaveh re Kaina. [4]Ty ahy ndre Abela, le ty ilane tamy ty voaloha ty anak'aondre amy ty
aosine naho reo fa vondrake rro nandesine. Sitraky Yaveh re Abela naho ty fagnatine, [5]te re kaina naho ty
fagnatine kea le tsy sitrakine le neloke mafy re Kaina, vaho vaho nasiake re.[6]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Kaina:
"Nanao akory iriha ro meloke vaho nanao akore ro masiake? [7]Laha manao zay to iriha, tsy ho teavy vao? Te laha
tsy manao zay to iriha, le handia eo ambaravara ty haratia vaho mitiry ty hindily anao, nefa tsy maintse
manapake eo amy zane iriha.[8]Niresake tamy ndre Abela rahalahinse re Kaina. Laha tagny am-baibo igny iareo, le
nitsanga hanohitsy ty rahalahine re Kaine vaho namono aze. [9]Bak'eo nanao tihoe Yaveh tamy Kaina: "Aia re Abela
rahalahinao? Nanao tihoe re: "Tsy haintso. Nao mpiamby ty rahalahiko vao raho?"[10]Nanao tihoe Yaveh: "Ino toy
nataonao? ty lio ty rahalahinao le mikaike Ahike mafey bak'amy ty tane. [11]Amy henane zao le voaozo zay bak'amy
ty tane, zay nanokatse ty vavane soa hitely ty lio ty rahalahinao bak'amy ty tagnanao iriha. [12]Laha miasa tagne
iriha, le tsy hamokatse ho anao zane mamomboke zao. Ho mpanjenje naho mpirererere egne amy ty tane
iriha."[13]Nanao tihoe Kaina tamy Yaveh: "Mafy mihoatse noho zay tokone ho zakako ty saziko. [14]Niroahinao tamy
toy tane toy loatse raho androane, vaho hivone amy ty vatanao raho. Ho nanjary mpanjenje naho naho
mpirererene amy zao tontolo raho, vaho na ia na ia mahisake le hamono ahike." [15]Nanao Yaveh tamine tihoe:
"Laha misy mamono ahy Kaina, le ho valeane im-pito ambone amine zane." Bak'eo nasia Yaveh famantara re
Kaina, le laha misy mahisake aze, le tsy hamofoky aze zane ndaty zane.[16]Le nagnega ahy Yaveh re Kaina vaho
nitoboke tagne amy ty tane Noda, agne atignana ndr'Edena. [17]Niarake nandre tamy ty valine re Kaina le nibevoka
re. Nisamake ahy ndre Enoka re. Nagnory tanà re vaho nataone tihoe Enoka arake ty agnara ndr'Enoka arake ty
agnara ndr'Enoka anandahine zane.[18]Enoka niteraka ahy ndre Irada. Irada lasa ndre Mehojaela. Mehojaela
nsamake ahy ndre Metosaela nisamake ahy ndre Lameka. [19]Lameka nana valy roe ho aze: Ada ro agnara ty ty
raike, vaho Zila ro agnara iaze raike hafa.[20]Ada nisamake ahy ndre Jabala, Baba reo mpitoboke an-day zay mana
biby fihare re. [21]Jobala ro agnara ty rahalahine. Baba ty reo mpititike lokanga naho mpitioke sody re. [22]Vaho Zila
kea, nisamake ahy ndre Tobala Kaina, mpanefy fitaova saba naho vy. Nama ro rahavavy ndre Tobala Kaina.
[23]Nanao tihoe Lameka tamy reo valine: "Ada naho Zila, mitsanogna ty feoko; nareo ty valy ndre Lameka, tsanagno
zay talilieko, fa namono lehilahy raike raho naho ty fandratra ahike, vaho zatovolahy raike noho ty fanorotoroa
ahike. [24]Laha valea fito zay mamono ahy ndre kaina, le fitopolo fito amby kea ty ahy ndre Lameka.[25]Vaho niara-
nandre tamy ty valine ndraike Adama, le niterake ajajalahy hafa re. Nikaike ty agnarane tihoe Seta re vaho
nitsara tihoe: "Nomey ty Andragnahare anake hafa ho solo ndre Abela raho, satria nivono ndre Kaina re.
[26]Nisamake ajajalahy re Seta vaho nataone tihoe Enosy ty agnarane. Tamy zane fotoa zane le nanomboke nikaike
ty agnara Yaveh ty ndaty.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

1Toy ro mitoboke ty tarana ndre Adama. tamy ty andro namorogna ty Andragnahare ty odaty, le nataone arake ty
terhine avao iareo. 2Lahy naho ampela ro nsgnsmbosrsne siereo. Nitsi-pirano aiereo Re vaho nikaike aze tihoe
ondaty lafa nisavary iareo.3Lafa niaigne 130 tao re Adama, le nanjary rae ty ajajalahy raike, arake ty tarehine
avao, vaho nataone tihoe Seta ty agnarane. 4Tafara ty niteraha ndre Adama ahy ndre Seta, le niay agnate ty
valonjato tao re. lasa rae ty ajajalhy naho anak'ampela maro re. 5Niaigne 930 tao re Adama, vaho maty tafara zay.
6Lafa niagne 105 tao re Seta, le nisamake ahy ndre Enosy. 7Tafara ty nisamahane ahy ndre Enosy, le niaigne 807
tao re vaho nisamake anandahy naho anak'ampela maro. 8Niaigne 912 tao re Seta, vaho vilasy tafara zay.9Lafa
sivapolo tao re Enosy, le nisamake ahy ndre Kenana. 10Tafara ty nisamahane ahy ndre Kenana, le niaigny 815 tao
re Enosy. Nisamake anandahy naho anak'ampela lahiale re. 11Niaigne 915 tao re Enosy, vaho vilasy tafara zay.
12Lafa niaigny fitopolo tao re Kenana, le nisamake ahy ndre Mahalalila. 13Tafara ty nisamahane ahy ndre
Mahalalila, le niaigny 840 tao re Kenana. Nisamake anandahy naho anak'ampela maro re. 14Niaigny 910 tao re
Kenana, vaho maty tafara zay.15Lafa niaigny enimpolo dimy tao re mahalalila, le nisamake ahy ndre Jareda.
16Tafara ty nisamahane ahy ndre Jareda, le niaigny 830 tao re. NIsamake anandahy naho anak'ampela maro re.
17NIaigny 895 tao re Mahalalila, vaho maty tafara zay.18Lafa niaigny 162 tao re Jareda le nisamake ahy ndre Enoka.
19Tafara ty nisamahane ahy ndre Enoka, le niaigne valonjato tao re, Nisamake anandahy naho anak'ampela maro
re. 20Niaigny 962 tao re Jareda, vaho maty tafara zay.21Lafa niaigny enimpolo dimy amby tao re Enoka, le
nisamake ahy ndre Metosela. 22Nandeha tamy ty fiarova ty Andragnahare agnate ty telonjato tao re enoka tafara
ty NIsamahane ahy ndre Metosela. Niterake anandahy naho anak'ampela lahialy re. 23Niaigny 365 tao re Enoka.
24nandeha tamy ty fiarova ty Andragnahare re Enoka, vaho lasa re, satria nala ty andragnahare.25Lafa niaigny 185
tao re Motosela, le nisamake ahy ndre Lameka. 26Tafara ty nisamahane ahy ndre Lameka, le niaigny 782 tao re
Metosela. Nisamake anandahy naho anak'ampela lahialy re. 27Niaigny 969 tao re Metosela. vaho vialsy re tafara
zay.28Lafa niaigny 182 tao re Lameka, le nisamake anandahy raike. 29Kinaiky tihoe Noa ty agnarane, vaho
nataliliny tihoe: "Toy ro hagnome fitofa ho antika amy ty asantika naho amy ty asa mafy atao ty tagnantika, zay
tsy maintse hataontika noho ty tane zay niozogny Yaveh."30Niaigny 595 tao re Lameka tafara ty nisamahane ahy
ndre Noa. Nisamake anandahy naho anak'ampela maro re. 31Niaigny 777 tao re Lameka. Tafar zay le vilasy re.
32Lafa niaigny dimanjato tao re Noa, le nisamake ahy ndre Sema, Hama naho Jafeta.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

[1]Lafa nanomboke nihamaro tetoy an-tane ty ondaty vaho nisamake anak'ampela maro, [2]le hisagny ty
anak'Andragnahare te maha-te ho tea ty anak'ampela ty ondaty. Nangalake valy ho aze iareo, na ia na ia nifiline
tamy iareo. [3]Nanao tihoe Yaveh: "Tsy hitoetse amy ty ondaty zisikam-parane ty fagnahiko, satria nofotse iareo.
Hiaigny agnate ty 120 tao iareo."[4]Tetoy ambony ty tane ty ndaty bevatabey tamy zane andro zane, vaho tafara
zane avao kea. Zane ro niseho lafa nanambaly reo anak'ampela ty ondaty reo anak'Andragnahare, vaho
nisamake tamy iareo. Reo ro lehilahy mahere taloha, lehilhy nana laza.[5]Hisagny Yaveh te lehibey ty faharatia ty
ondaty tetoy an-tany, vaho fandeha ty fisaigna iaby tao agn'arofo iareo le rate avao. [6]Nanegny tamy ty nihariane
ty ondaty teo an-tane Yaveh, vaho nahasosotse ty arofone zane.[7]Kea nanao tihoe Yaveh: " Haravakop hiala eo
ambone ty tane ty ondaty zay nihariko; na ty ondaty na reo biby befoloay, naho reo zaka mikisake vaho reo voro
ty habakabake, satria nanegny Raho namoro aiereo."[8] Te Noa kea nahisake fitea te amy ty fanjo Yaveh.[9]Zao ro
tantara mikasike ahy ndre Noa. Noa le lehilahy to, vaho tsy nisy tsikone teo amy ty ndaty tamy ty adrone. Noa le
nandeha niarake tamy ty Andragnahare. [10]Nisamake anandahy telo re Noa: Sema, Hama, naho Jafeta.[11]Simba teo
agnatreha ty Andragnahre ty tane, vaho feno herezaka zane. [12]Hisagny ty Andragnahare ty tane; vaho ingo, simba
zane, satria nanimba ty lala iare teo ambony ty tane ty nofotse iaby.[13]Nanao tihoe Andragnahare tamy ndre Noa:
"Hisako te fotoa hamoteha ty nofotse iaby zao, satria feno herezaka amy ty alala iareo ty tane. Haravako miarake
amy ty tane vantane iareo. [14]Manaova sambo-fiara vita amy ty hetae kypreso ho ahy vatanao. Asio efetse ao ampo
iazy samobo-fiara, vaho asio linte ao ampone naho ambalike zane. [15]Zao ro fomba hanaovanao zane: telonjato
kilometatsy ty sakany, vaho telopolo kilometatsy ty haambony.[16]Asio tafo ty sambo fiara, vaho vitao amy ty
kilometatse raike bak'agne ambony zane. Asio varavara ty ilane iaze sambo-fiara vaho asio tokotani-tsabo
ambane, faharoe naho fahatelo. [17]Mitsanogna, fa marinike handay iaze safo-drano egne ambony ty tane raho,
sosa hamotike ty nofotse iaby zay mana ty fofo-piay ambany ty lagnitse ao amine. Ho maty iaby ty raraha iaby
egne ambony ty tane.[18]Feie hagnory ty fagnekeko aminao Raho. Ho bak'ao amy iaze sambo-fiara nareo, iriha,
naho reo anndahinao, vaho ty valinao, naho reo vinantonao ampela. [19]Amy ty zaka-mana-piay iaby amy ty
nofotse iaby, le tsy maintse handesanao roe bak'amy ty karazane iaby mandeha ao ampo sambo-fiara, soa hitana
aiereo ho velo miarake aminao, na lahy na vavy.[20]Reo voro sambe arake ty karazane iaby, vaho ty biby bevata
sambe arake ty karazane iaby, ty zaka mikisake amy ty tane iaby sambe arake ty karazane iaby, le hamonje anao
iaby ty roe amy ty karazane iaby, velomo iareo. [21]Havorio ho anao iaby ty karaza ty mahatajake iaby zay fihane
vaho ajario zane, soa ho mahatajakinao naho ho aiereo." [22]Le natao nde Noa zane. Arake zay iaby nandilia ty
Andragnahare ro nanaovane aze.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 7

1Vaho Yaveh nitalily tsmy ndre Noa tihoe: "Miziliha ao amy iaze sambo-fiara iriha naho asaveragnanoa, satria
iriha ro ndaty hisako te to eo agnatrehako amy toy taranake toy. 2Ty amy ty biby malio iaby le handesanao fito
lahy naho fito zavy. Vaho ty amy reo biby tsy malio, le managala roe isane iaby, lahy naho vave. 3Ty amy reo voro
ty habakabake avao kea, le mangala fito lahy naho fito vavy , ho fiarova ty taranane etoy ambony ty tane.4Afara ty
fito andro le handefa ora mafy agnate ty efapolo andro naho efapolo halike Raho. Haravako iaby reo zaka-mana-
piay nihariko tetoy ambony ty tane." 5Le natao ndre Noa zay iaby nandilia Yaveh aze.6Eninjato tao re Noa tamy ty
fotoa niavia ty safo-drano tetoy an-tane. 7Noa reo anandahine, ty valine, vaho reo vinantone ampela le niarake-
nizilike tao ampo sambo-fiara noho ty rano ty safo-drano.8Reo biby malio naho reo biby maloto, reo voro, vaho
reo zaka milaly amy tane, 9le avy kiroekiroe, lahy naho vave, nandeha eo amy ndre Noa vaho nizilike tao amy
sambo-fiara, arake ty fa nandilia ty Andragnahare ahy ndre Noa. 10Vaho fito andro tatoy afara, le nanomboke
niavy ty ora le naepoky ty rano ty tane.11Tamy ty faha enenjato tao niaigna ndre Noa, vola faharoe, nadro faha
folo fito amby ty vola, tamy io andro io avao, le niboake reo loharano lalike iaby amby ty ty tane, vaho nisokatse
reo varavarakele ty lagnitse. 12nanomboke niavy agnate ty efapolo andro naho efapolo halike ty ora tetoy ambony
ty tane.13Tamy io andro io avao re Noa naho reo anandahine, Sema, Hama, naho Jafeta, vaho ty valy ndre Noa,
naho reo vinanto ampelane telo niarake amy iareo, le nizilike tao ampo iaze sambo-fiara. 14 Vaho iareo nizilike
niarake tamy reo bibi-ly iaby sambe amy ty karazane iaby, naho ty biby fihare sambe arake ty karazane iaby,
naho ty zaka mikisake amy tane sambe arake ty karazane iaby, vaho ty karazam-boro iaby sambe arake ty
kazarane iaby, naho reo zaka-mana-piay managn'elatse kiraikiraike arake ty karazane iaby.15Avy kiroekiroe teo
amy ndre Noa reo biby iaby manam-pofogn'ay saky ty karazane iaby vaho nizilike tao amy iaze sambo-fiara. 16Reo
biby zay nizilike tao le lahy naho ty vave saky ty karazane iaby; nizilike tao iareo arake zay nandilia ty
Andragnahare aze. Bak'eo Yaveh nagnily ty varavara lafa tafilitse iareo.17bak'eo le avy tetoy an-tane agnate ty
efapolo andro ty safo-drano, vaho nitombo ty rano le nandeha iaze sambo-fiara naho nanmpiakatse zane ho eo
ambone ty tane. 18Feno rano iaby ty tane, le nihafo tegne amobne rano iaze sambo-fiara.19Nisondrotse bey teo amy
ty tane ty rano le feno iaby reo vohitse ambo iaby ambane ty lagnitse. 20Nihoatse dimy amby folo kilometatse
tamy ty ambony ty vohitse ty rano.21Maty iaby reo zaka-mana-piay iaby zay nirererere tetoy ambone tane: reo
voro, reo biby fihare, reo bibily, naho reo zaka-mana-piaya maro zay niay tetoy an-tane, vaho ty ondaty iaby.
22Reo zaka-mana-piay iaby niaigne teto ambone ty tane, zay miay ty fofom-piay amy ty vava orone, le maty.23Noho
zane le rava iaby reo zaka-mana-piay iaby tetoy ambone tane, hatramy ty ondaty le hatramy ty biby fihare, naho
reo biby mikisake, vaho ty voro ty habakabake, ravatetoy ambone tane iareo iaby. Noa naho reo zay niarake
tamine tao agnate iaze sambo-fiara ro sisa tavela. 24TYsy nihena tambone ty tane agnate ty dimampolo amby zato
andro iaze rano.

## Chapter 8

[1]Vaho Andragnahare nahatiaro ahy ndre Noa, reo bibi-li iaby, vaho biby fihary iaby zay niarake tamine tao ampo
iaze sambo-fiara. Nampiotioke tioke era ty tane Andragnahare, le nanomboke nihena ty rano. [2]Nihiliany ty
vavarano ty lalike naho ty varavarakele ty lagnitse, vaho nitofa ty rano ty ora. [3]Nihena tsikelekele ty rano ty safo-
drano, vaho lafa afake dimampolo amby zato andro le nihena ty rano.[4]Le nijano teo amy ty vohitse ndre Aratata
ty ty sambo-fiara tamy ty vola faha-fito, tamy ty andro faha-fito amby ty folo ty vola. [5]Nihena avao ty rano
hatramy ty vola fahafolo. Tamy ty andro voaloha ty vola, le niseho ty ambony ty vohitse.[6]Vaho lafa afake efapolo
andro le nivoha ndre Noa ty varavarakele ty sambo-fiara zay namboarine. [7]Vaho nandefa goaky raike tagne
ambalike re, vaho nimpolimpoly nitily zane zisike hahamaiky ty rano tamy ty tane.[8]Vaho nandefa voromahilala
re hagnate laha fa ritsy ty rano tambony ty tane, [9]tsy nahisake toera nametrahane ty tombone iaze voromahilala
le nimpoly tagne amine tao ampo iaze sambo-fiara satria mboe feno ty tane iaby ty rano. Vaho namelatse ty
tagnane re, le nandrambe iaze voromahilala vaho nampizilike aze tao ampo sambo-fiara niarake tamine.[10]Vaho
mboe niamby fitoandro ndraike re le nandefa iaze voromahilala bak'ao ampo sambo-fiara. [11]Nimpoly teo amine
iaze voromahilala lafa hariva. Ingo! nisy ravits'oliva vao nitinengoke teo ambava iaze voromahilala. Kea le hay
ndre Noa te fa nizotso ty rano tambony ty tane. [12]Mboe nniamby fitoandro, re le namoake iaze voromahilala
ndrike. Tsy nimpoly teo amine sase iaze voro.[13]Tamy ty faha raek'amby eninjato tao, tamy ty vola voalohane,
tamy ty andro voaloha ty vola, ro ritsy ty rano teo ambone ty tane. Nafaha ndre Noa ty tafo iaze sambo-fiara,
nivamaba tane ambalike, vaho nahisake te , ingo, maike ty tane. [14]Vaho tamy ty andro faha roampolo fito amby,
tamy ty vola faharoe, le maike ty tane.[15]Nanao tihoe ty Nadragnahare tamy ndre Noa: [16]"Miboaha ao ampo sambo-
fiara, iriha, ty valinao, reo anandahinao, vaho reo vinantonao ampela miarake aminao. [17]Andeso miboake
miarake aminao reo zaka-mana-piay iaby zay miarake aminao zay bak'amy ty nofotse iaby__le reo voro, reo biby,
vaho reo zaka mikisake iaby amy ty tane__soa hitombo isake maro ho zaka-mana-piay mameno ty tane re,
Misamaha maro vaho mihamaroa."[18]Le niboake Noa naho ty valy amy ty anane, miarake ty vinantone ampela
niarake tamine. [19]Ty zaka-mana-piay iaby, ty zaka mikisake iaby, vaho ty voro iaby, miarake zay iaby
mihetsiketsike eto ambony ty tane, arake ty karazane iaby, le nagnenga, le nandao ty sambo-fiara.[20]Nagnamboatse
alitara ho ahy Yaveh re Noa. Nangalake sasane tamy reo biby malio naho voro malio re, vaho nagnomey
fagnatitse oroa teo amy ty alitara. [21]Vaho heno Yaveh ty hagnitse teane le nitsara tao am-pone tihoe: "tsy hagnozo
ty tane noho ty ondaty sase Raho, Na le rate hatramy ty fahazazane kea ty fisaingna ty arofo ty ndaty. Vaho tsy
handrava ty zaka-mana-piay sase Raho, manahake ze nataoko. [22]Laha mboe maharitse kea ty tane, le tsy hanam-
pijanogna ty taom-pambolea naho ty taom-pamokara, ty tsitsy naho ty hafana, ty asotry naho ty fahavaratse,
vaho ty andro naho ty halike."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 9

[1]Bak'eo Andrgnahare nitsi-pirano ahy ndre Noa naho reo anandahine, vaho nitsara tamy iareo tihoe: " Mimaroa
fara, mihamaroa, vaho mamenoa ty tane. [2]Ty tahotse naho ty horohoro anao le ho eo amy reo biby zay miay
ambone tane, tyy voro ty habakabake, eo amy ty zaka-iaby zay mandeha agne ambany ty tane, vaho amy ty
hazan-dranomasy iaby. Omeo eo an-tagnanao reo.[3]Ty zaka-iaby zay miay le ho ataonareo mahatajake. Amy
henahezao Raho le magnomey anareo ty zaka-iaby manahake ty nagnomezako anareo reo zaka-mitiry maitso.
[4]Feie nareo le tsy tokone hitava hena miarake amy ty fiaine_zane le ty lione_ao ampone.[5]Te ho ahy ty lionareo, ty
fiay zay ao ampo ty lionare, le hitake ty valine Raho. bak'amy ty tagna reo biby ro hitakiako zane. bak'amy ty
tagna ty ndaty zay namono ty rahalahine eo hitakiako ty sara ty fiaigna zane ndaty zane. [6]Na ia na ia mapipoke
fiay ty ndaty raike, le ndaty ro ampipoke ty fiaine, te tamy ty tarehy ty Andragnahare ro nagnamboarane ty
ndaty. [7]Laha aminareo, le maroa fara vaho mitomboa, miparitaha magnera ty tane vaho mitomboa eo amy
zane."[8]Bak'eo Andragnahare nirehake tamy ndre Noa naho reo anandahine niarake tamine, nanao tihoe: [9]"Laha
ty Amiko, le tsanogno! Hagnamafy ty fagnekena nataoko taminareo naho ty taranagnareo ao afaranareo raho,
[10]naho reo biby mana-piay zay miarake aminareo, reo voro, biby fihare, vaho reo zaka-mana-piay iaby ambone ty
tyane miarake aminareo, hatramy reo iaby zay bak'ao amy ty sambo-fiara, hatramy ty zaka-mana-piay iaby
ambony ty tane.[11]Zao Raho le hagnamafy ty fagnekeko nataoko taminareo, te tsy hisy safo-drano hamotike ty
nofotse iaby sase. vaho tsy hisy safo-drano handrava ty tane sase." [12]Nanao tihoe: "Zao ro fahaiza ahy iaze fagneke
zay ataoko eo Amiko naho eo aminareo vaho reo zaka-mana-piay miarake aminareo, ho ahy reo taranake ho avy:
[13]fa nametrake avana tegne amy ty rahona Raho, vaho zane ro ho famantara ty fagnekea eo Amiko naho ty tane.
[14]Zane le hiseho lafa handrakotse ty tane amy ty hiboke Raho vaho ho hivamba egne amy ty hiboke ty avana,
[15]bak'eo le ho tiaroko ty fagnekeko, zay nisy tamiko naho taminareo vaho reo zaka-mana-piay ty nofotse iaby. Tsy
ho avy safo-ddrano hanimba ty nofotse iaby sase reo rano[16]Ty avana le ho egne amy reo hiboke vaho hahisake
zane Raho, soa hahatiaro ty fagneke teo amy ty Andragnahare naho reo zaka-mana-piay ty nofotse iaby zay egne
ambone tane." [17]Bak'eo Andragnahre nitsara tamy ndre Noa tihoe: "Io ro famantara ahy iaze fagneke nataolo
tamy ty nofo iaby zay ambony ty tane."[18]Reo ana ndre Noa zay niboake tao amy iaze sambo-fiara le re Sema,
Hama vaho Jafeta. Hama le rae ndre Kanana. [19]Reo telo reo ro ana ndre Noa, vaho bak'amy iareo ro nahafeno
ndaty ty tane.[20]Nanomboke nambole re Noa, vaho nambole voaloboke re. [21]Nino ty sasane tamy reo divay re le
mamo. Natory tsy nirakotse tao amy ty laine re.[22]Bak'eo Hama, rae ndre Kanana, nahisake ty babane nihalo le
nitsara tamy reo rahalahine tagny ambalike. [23]Le nangnafake akanjo lava re Sema naho Jafeta vaho napipoke
zane teo amy ty soro iareo roe, vaho nandeha ao afara nampisiky ty baba iareo nihalo. Nitodi-doha iareo, le tsy
nahisake ty fimegnara ty baba iareo.[24]Lafa taitse bak'amy ty fahamamoane re Noa, le nahay ty natao iaze
anandahine farane tamine. [25]Le nanao tioe re: "Ho voahozo kanana. Ho agn'iasa reo mpiasa reo rahalahine
vantane re."[26]Nitsara kea re tihoe: " Hantsay vantane Yaveh, Andragnahare ndre Sema, vaho ho mpiasane
vantane re Kanàna. [27]Hagnitatse ty fare-tane ndre Jafeta vantane Andragnahare, vaho hapipoky aze hagnory ty
ajombane eo amy reo lay ndre Sema. Ho mpiasane vantane re Kanana."[28]Tafara ty safo-drano, le niay telonjato
naho dimampolo amby tao re Noa." [29]Ty fotoa niaigna ndre Noa sivanjato naho dimampolo amby tao, vaho
nivilasy re bak'eo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 10

[1]Reto iaby ty taranagny reo anandahy ndre Noa, le re Sema, Hama naho Jafeta. Nisamake anandahy iareo tafara
ty safo-drano.[2]Reo anandahy ndre Jafeta le re Gomera, Magoga, Maday, javana, Tobala, Meseka, naho Tirisa. [3]Reo
anandahy ndre Gomera le re Askenaza, Rifata naho Togarma. [4]Reo anandahy ndre Javana kea le re Elisaha,
Tarsisy, Kitima, naho Dodanita. [5]Nanomboke teo ty nizarazara reo ndaty ty sisin-driake vaho sambe nangalake
amy ty tanene iaby iareo, sambe nana ty firehafane iaby, arake ty karaza iareo, arake ty firenena iareo.[6]Reo
anandahy ndre Hama le re Kosy, Mizraima. Pota vaho kanana. [7]Reo anandahy ndre Kosy le re Seba, havila, Sabta,
Ragama vaho Sabteka. Reo anandahy ndre Ragama kea le Seba naho Dedana.[8]Kosy le nisamake ahy ndre
Nimroda, zay lehilahy mpandresy voalohane tetoy an-tane. [9]Reke le mpihaza mahereteo agnatreha Yaveh. Zane
ro nitaliliy tihoe: '"Manahake ahy ndre Nimroda, mpihaza mahere eo agnatreha Yaveh." [10]Reo here ty fanjakane
voalohane le Baela, Ereka, Akada, Kalne, zay tao amy ty tane Sinara.[11]Niala tamy zane tane zane re le nandeha
agne Asyria vaho nagory ahy ndre Ninive Rehobot-ira naho Kala [12]vaho Rasena, zay teo agnelagnela ndre Ninive
naho Kala. Tanà lehibey zane. [13]Mizraima nisamake ty Lodita, ty Anamita, ty Lehabita, ty Naftohita, [14]ty Patrosita,
ty kaslohita (bak'amy reo ro niavia ty Filistina), vaho ty Kaftorita.[15]Kanana nisamake ahy ndre Sidona,
taolagnolone lehilahy, naho Heta, [16]vaho kea reo Jebosita, reo Amorita, reo Girgasita, [17]reo Hivita, reo Arkita, reo
Sinita, [18]reo Arvadita, reo Zemarita, naho reo Hamatita, Tatoy afara le niele ty foko re Kananita.[19]Ty faritane
Kananita le nanomboke teo Sidona, mitohy mandeha agne Gerara le hatragny Gaza, vaho ty raike zay mandeha
agne Sodoma, Gomora, Adma, vaho Zeboima, le hatragny Lasa. [20]Reo ro ana ndre Hama, arake ty foko iareo, arake
ty firesakine iaby, tao amy ty tane iareo, vaho tao amy ty firenena iareo.[21]Nisamake anandahy avao kea re Sema,
iaze raoky ndre Jafeta anandahine voalohane. Razambey reo ndaty iaby bak'ao Ebera avao kea re Sema. [22]Reo
anandahy ndre Sema le re Elama, Asyra, Arpaksada, Loda vaho Arama. [23]Reo anandahy ndre Arama le re Oza,
Hola, Gatera vaho Masy.[24]Vaho Arpaksada nisamake ahy ndre Sela, vaho Sela nisamake ahy ndre Ebera. [25]Nana
anandahy roe re Ebera. Ty agnara ty raike le re Palega satria tamy ty androne le voazara ty tane. Joktana ro
agnara ty rahalahine.[26]Joktana nisamake ahy ndre Almodada, Salefa, Hazarmaveta, Jera, [27]Hadorama, Hozala,
Dikla, [28]Obala, Abimaela, Sheba, [29]Ofira, Havila vaho Jobaba. Reo iaby reo le anandahy ndre Joktana.[30]Ty faritane
iareo le nanomboke teo Mesa, zisike agne Sefara, vohitse atignana. [31]Reo ro anandahy ndre Sema, arake ty foko
naho ty firehagn'iareo, tao amy ty tane iareo, arake ty firenena iareo.[32]Reo ro foko reo ana ndre Noa, arake ty
firazagna iareo, arake ty firenena iareo. bak'amy reoro nampisarake reo firenena le nioaritake nagnera ty tane
tao afara ty safo-drano.

Chapter 11

[1]Vaho ty tane raike iaby le nampiasa firehake raike naho tsara iharoa. [2]Laha nandeha niatignana iareo, le
nahisake vavabaibo tao amy ty tane ndre Sinara le nagnorin-toboke tao.[3]Nifampitalily iareo tihoe: "Andao, hanao
biriky tika le hagnoro soa zane." Biriky ro nanagna iareo te tsy vato vaho molanga ho fotoke. [4]Nanao tihoe iareo:
"Andeha tika hananga tanà naho tilikambo zay hanakatse ty lagnitse ty lengone, vaho lonike hamorognantika
agnara ho antika zane. Laha tsy manao zane tika, le hiparitake magnera ahy zao tontolo iaby zao."[68]Le naparitaky
Yaveh bak'eo hameno ty velaran-tane iaby iareo vaho natofa iareo ty fanangana ty tanà. [9]Noho zane, le natao
tihoe Babela ty agnara zane, satria tao ro nampifangaroa Yaveh ty firehaky ty tane raike iaby vaho bak'ao ro
nagnaparitaha ndre Yaveh aiereotagne ambaliky magnera ty velaran-tane iaby.[10]Reto ty tarana ndre Sema. Zato
tao re Sema, vaho roe tao tafara ty safo-drano le nisamake ahy ndre Arpaksada re. [11]Mboe velo dimanjato tao re
lafa lasa rae ndre Arpaksada re. Nnisamake anandahy naho anak'ampela hafa avao kea re.[12]Lafa feno dimy amby
telopolo tao re Arpaksada, le nisamake ahy ndre Sela. [13]Niaigny 403 tao re Arpaksada tafara ty nisamahane ahy
ndre Sela. Nisamake anandahy naho anak'ampela hafa avao kea re.[14]Lafa niaigny telopolo tao reo Sela, le
nisamake ahy ndre Hebera.[15] Mboe niaigny 403 tao re Sela tafara ty nisamahane ahy ndre Hebera. Nisamake
anandahy naho anak'ampela hafa avaoa kea re.[16]Lafa niaigny teloplo efatsy amby tao re Hebera, le nisamake ahy
ndre Pelega. [17]Mboe niagny 430 tao re Hebera tafara ty nisamahane ahy ndre Pelega. Nisamake anandahy naho
anak'ampela hafa avao kea re.[18]Lafa niaigny telopolo tao re Pelega, le nisamake ahy ndre Reho. [19]Mboe niaigny
209 tao re pelega tafara ty nisamahane ahy ndre Reho. Nisamake anandahy naho anak'ampela hafa avao kea re.
[20]Lafa niaigny telopolo roa amby tao re Reho, le nisamake ahy ndre Seroga. [21]Mboe niaigny 207 tao re Reho tafara
ty nisamahane ahy ndre Seroga. Nisamake anandahy naho annak'ampela hafa avao kea re.[22]Lafa niaigny telopolo
tao re Seroga, le nisamake ahy ndre Nahora. [23]Mboe niaigny roanjato tao re Seroga tafara ty nisamahane ahy ndre
Nahora. Nisamake anandahy naho anak'ampela hafa avao kea re.[24]Lafa niaigny sivy roapolo tao re Nahora, le
nisamake ahy ndre Tera. [25]Mboe niaigny 119 tao re Nahora tafara ty nisamahane ahy ndre Tera. Nisamake
anandahy naho anak'ampela hafa avao kea re. [26]Lafa niaigny fitopolo tao re Tera, le nisamake ahy ndre Abrama,
Nahora naho Harana.[27]Vaho reto re tarana ndre Tera. Nisamake ahy ndre Abrama, Nahora vaho re Harana re
Tera, vaho Harana nsamake ahy ndre Lota. [28]Harana le maty tao amy ty tane nisamaha aze laha mboe velo re tera
raene, tao Ora tao Kaldeana.[29]Nanambaly re Abrama naho Nahora. Saray ro agnara ty valy ndre Abrama, vaho ty
agnara ty valy ndre Abrama, vaho ty agnara ty valy ndre Nahora le Milka, anak'ampela ndre harana, zay baba
ndre Milka naho Iska. [30]Vaho Saray le tsy nisamake; tsy nanagn'anake reke.[31]Nandesy ndre Tera re Abrama
anandahine, Lota anandahy ndre Harana anane, naho Saray vinantone ampela, valy ndre Abrama anandahine,
vaho niarake niala tao Ora tao Kaldeana iareo, soa ho agne amy ty tane Kanana. Te nandeha agne Harana iareo
vaho nijano tao. [32]Niaigny 205 tao re tera vaho bak'eo le vilasy tao Harana.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 12

[1]Vaho Yaveh nitsara tamy ndre Abrama tihoe: "Mialà amy ty firenanao, naho amy reo longonao, naho amy ty
tokantragnon-draenao, handeha agne amy ty tane zay hasehoko anao. [2]Hataoko lehibey ty agnaranao, vaho ho
fitahia iriha. [3]Hitahy reo zay mitahy anao Raho, te na ia na ia manalatse anao le hozogniko. Amy ty alalanao ro
hitahia reo firenena ty tane iaby.[4]Le nandeha Abrama, arake zay nitalily Yaveh hataone, vaho nagnarake aze kea
re Lota. Dimy amby fitopolo tao re Abrama laha nagnenga ahy ndre Harana. [5]Abrama nanday ahy ndre Saray,
valine, Lota, ana-drahalahine, reo fanagna iaby zay voatahiry iareo, vaho reo vahoake zay azo iareo tao Harana.
Nandeha ho agneamy ty tane Kanàna iareo, le avy tao amy ty tane Kanàna iareo, le avy tao amy ty tane Kanàna.
[6]Nandalo ty tane lavitse ndre Sekema re Abrama, hatragne amy ty hetae terebinta ndre More. Reo kananita ro
nitobke tao amy iaze tane tamy zane andro zane. [7]Niseho tamy ndre Abrama re Yaveh, le nitsara tihoe: "Ho ahy
reo taranagnao ro hagnomezako toy tane toy." Vaho Abrama nagnory alitara tagne ho ahy Yaveh, zay niseho
tamine.[8]Nifalo nandeha agne amy ty havoa atignana ndre Betela re, zay nagnoregna ty laine, Betela tane andrefa
naho Ay tane atignane. Teo ro nagnoregnane alitara ho ahy Yaveh naho nikaike ty agnara Yaveh. [9]Bak'eo nanohy
ty liane Abrama, nandeha agne Negeva.[10]Nisy kere tao amy iaze tane, le nizotso tagne Egypta Abrama soa
hitoetse, te nahere ty kere tao amy iaze tane.[11]Lafa narinike hizilike ahy ndre Egypta re, le nitsara tamy ndre
Saray valine tihoe: "Ingo, hainao te vantane ampela soa tarehe iriha. [12]Lafa hisa iareo Egyptiana iriha le hitsara
iareo tihoe: Itoy ty valine,' vaho le ho vonoa iareo raho, nefa iriha ho tana iareo ho velo. [13]Rehafo tihoe anabaviko
iriha, soa tsy hampagnahy ahike noho iriha, vaho soa ho voaaro ty fiaiko noho iriha."[14]Vaho tamy ty fotoa niziliha
ndre Abrama tao Egypta, le hisa reo Egyptiana te ampela vantane soa tarehe vantane Saray. [15]Hisagny reo
tandapa ndre Farao re, le nandregne aze tagne amy ndre Farao, vaho le nala ho agne agn'ajomba ndre Farao ty
ampela. [16]Vaho nanpiadagny ndre Farao re Abrama noho ty amy ty ampela igny, le nagnome aze aondre, aombe,
ampondra lahy, mpiasa lahy, mpiasa ampela, ampondra vavy, vaho rameva.[17]Bak'eo Yaveh namofoke ahy ndre
farao naho ty asaveregnane tamy ty loza lehibey noho re Saray, valy ndre Abrama. Nampikaike ahy ndre Abrama
re Farao, le nitsara tihoe: [18]Ino toy zaka zay vitanao tamiko? Nanao akore ro tsy nitalilienao tamiko te valinao re?
[19]Nanao akore iriha ro nitalily tihoe: 'Rahavaviko re,' soa hangalako aze ho valiko? Noho zane, ingo ty valinao.
Andeso re,vaho ndehana hitio ty lalanao." [20]Vaho farao nagnomey baiko reo lehilahine nahakasike aze, vaho
nandefa aze lavitse iare, niarake tamy ty valine naho zay iaby nanagnane.

## Chapter 13

[1]Le niakatse bak'agne tagne Egypta re Abrama vaho nandeha tao Negeva, re, ty valine vaho zay iaby nanagnane.
Niarake tamy iareo avao kea re Lota. [2]Vaho Abrama le vantane nanan-kanagna biby, volafoty, vaho volamena.
[3]Nanohy ty liane bak'ao Negeva ho agne Betela re, ho gne amy ty toera zay nisy ty laine taloha, agnelagnela ndre
Betela naho Ay. [4]Nandeha tagne amy iaze toera zay nisy ty alitara zay namboorine teo aloha re. Teo ro nikaihane
ty agnara Yaveh.[5]Vaho Lota, zay nandeha niarake tamy nde Abrama, le nana aondre amy ty aosy, aomby, vaho lay
avao kea. [6]Tsy nahazaka ty hiaraha iareo mitoetse ty tagne, satroa maro bey reo fagnane, noho zane le tsy afake
niara-nitoboke iare. [7]Vaho kea, nisy fifamalea teo amy reo mpiambe aondre ndre Abrama naho reo mpiambe
aondre Lota. Nitoboke tao amy iaze tane reo Kananita naho Perizita tamy zane fotoa zane.[8]Le nanao tihoe
Abrama tamy ndre Lota tihoe: "Lonike tsy hisy fifamalea amiko naho eo aminao, vaho eo amy reo mpiambe
aondreko; sade tika sadra mpilongo avao. [9]Tsy eo agnoloanao vaho ty tane raike iaby? Mandehana tsy am-
pisalasala vaho misaraha amiko. Laha mandeha magnavia iriha, le handeha magnavana raho. Laha mandeha
magnavana iriha, le handeha magnavana raho."[10]Le nivamba nagnodidy re Lota, vaho nahisake te ty lemaky
ndre Jordana iaby le voatondroke soa na tay na tay tamy ty lala iaby mandeha agne Zoara, manahake ty baibo
ndre Yaveh, manahake ty tane ndre Egypta. Zane le taloha ty nandrva ndre Yaveh ahy ndre Sodoma naho
Gomora. [11]Noho zane Lota le nifily ty lemaky ndre Jordana iaby ho aze vaho nandeha niatignana, le nisarake reo
mpilongo.[12]Nitoboke tagne amy ty tane Kanàna re Abrama, vaho nitoboke teo amy reo tanà ty lemake. Nagnory ty
laine ho lavitse marinike ahy ndre Sodoma re. [13]Vaho reo ndaty ndre Sodoma le vantane mpanao rate rate
fagnahy manohitse ahy Yaveh.[14]Nitsara tamy ndre Abrama Yaveh tao afara ty nialà ndre Lota teo amine tihoe:
"Mivamba bakeo amy ty toera zay hitsanganao miagnavaratse, miagnatimo, miatignana, vaho miagnandrefa.
[15]Reo tane iaby zay hisanao, le homeiko anao naho reo taranagnao zisikam-parane.[16]Hataoko maro manahake ty
leboke ty tane reo taranakao, le amy zay laha misy lehilahy raike afake magnisake ty leboky ty tane, le afake isafa
avao kea reo taranagnao. [17]Mitsangàna, vaho mandena mamakivaky ty halava naho ty saka ty tane, te homeko
anao zane." [18]Le nangoro ty laine Abrama, vaho nandeha le nitoboke teo agnila ty hetae terebinta ndre Mamre,
zay agne Hebrona, vaho nagnamboatse alitara ho ahy ndre Yaveh tane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 14

[1]Vaho tamy ty andro ndre Amraffela mpanjaka ndre Sinara, naho Arioka, mpanjaka ndre Elasara, naho
Kedorlaomera mpanjaka ndre Elama vaho Tidala mpanaja ndre Goima, [2]le nanao aly iareo janohera ahy ndre
Bera, Mpanjaka ndre Sodoma naho Birsa mpanjaka ndre gomora naho Sinaba mpanjaka ndre Adma, naho
Semebera, mpanjaka ndre Zeboima vaho ty mpanjaka ndre Bela (kinaike kea tihoe: Zoara).[3]Reto mpanjaka dimy
farane le nifampitao niarake tao andohabaibo ndre Sidima (kinaike avao kea tihoe: ranomasin-tsira). [4]Folo roa
amby tao ro niasa iareo ahy ndre Kedorlaomera, feie tamy ty tao fahafolo telo amby tao le nilietsy kea iareo.
[5]Vaho tamy ty tao fahafolo efats'amby, le avay re Kedorlaomera naho reo mpanjaka niarake tamine vaho nanafike
ahy ndre Refaita tao Astarta_Kamaima, Zozima tagne Hama , Emima tao Save-keriataima, [6]vaho ty Horita tao am-
bohitse ndre seira, hatragny Elparana, zay agnila ty tane tsy misy raraha.[7]bakeo le nimpoly iareo vaho avy tagny
Ena-mispata (kinaike kea tihoe: Kadesy), vaho nandresy reo firenena ty Amelekita, naho reo Amorita zay
nitoboke tagne Hazazon-tamara avao kea. [8]Bak'eo ty mpanjaka ndre Sodoma, ty mpanjaka ndre Gomora,
mpanjaka ndre Adma, mpanajakan dre Zeboima vaho ty mpanjaka ndre Bela (kinaike tihoe kea: Zoara) le
niboake vaho nioma [9]ho amy ty aly hanohera reo Kedorlaomera, mpanjaka ndre Elama. Tidala, mpanjaka ndre
Elasara; mpanjaka efatse nanohitse reo dime.[10]Vaho ty vavabaibo ndre Sidima le feno lavake misy liten-tane,
vaho lafa nialy ty mpanjaka ndre Sodoma naho ty mpanjaka ndre Gomora, le nipoke tao iareo. Vaho reo ze tavela
le nilay tagne amy reo vohitse. [11]Le nala ty fahavalo reo hanagna ndre Sodoma naho Gomora iaby naho reo tahiry
iaby, vaho lasa nandeha tamy ty lala iareo. [12]Vaho lafa nandeha iareo, le nandesine kea re Lota ana-drahalahy
ndre Abrahama, zay nitoboke tao Sodoma niarake tamy ty fanagnane iaby.[13]Iaze raike zay afake-nilay le avy vaho
nitalily ty amy ndre Abrama iaze Hebreo. Reke le nitoboke tao may ty hetae terebinta ndre Mamre, Amorita, zay
rahalahy ndre Eskola naho Anera; iareo iaby zay miarake amy ndre Abrama. [14]Vaho lafa heno ndre Abrama te
voasambotsy reo fahavalo ty longone, le nitarihine reo lehilahy 318 voahofa zay terake tao ajombane, le
nagnarake aiereo hatragny Dana.[15]Nizarane ty halike reo lehilahine hanohitse aiereo vaho anafike aiereo, naho
nagnenjeke aiereo Hatragny Hoba, zay aoa avaratsy ndre Damaskosy. [16]Bak'eo le nampoline reofanagana iaby,
vaho nampoly ahy ndre Lota longone aho reo zaka-soane avao kea, miarake amyreo ampela naho ty vahoake
hafa.[17]Vaho nimpoly baka nandresy ahy ndre Kedoraomera naho reo mpanjak niarake tamine re Abrama, le
niboake soa hifamonje amine tao an-dohabaibo Save iaze mpanjaka ndre Sodoma (Kinaike tihoe avao kea:
vavabaibo ty mpnjaka) [18]Nanday mofo naho divay re Melkizedeka, mpanjaka ndre Salema. Mpisoro ty
Andragnahare Ambone Loatse re.[19]Nitsi-pirano aze re titihoe: "Ho tahy ty Andragnahare Ambone Loatse,
Mpahare ty lagnitse naho ty tane vantane Abrama. [20]Isaora vantane Andragnahare Ambone Loatsy, zaynognomey
reo fahavalonao teo an-tagnanao." bak'eo le nomey ty Abrahama aze ty ampahafolo ty zaka-iaby.[21]Nanao tihoe ty
mpanjaka ndre Sodoma tamy ndre Abrama: "Omeo ahike ty ndaty, vaho andeso hoanao reo fanagna." [22]Nanao
tiihoe Abrahama tamy ty mpanjaka ndre Sodoma tihoe: "Iraho le nampitsanga ty tagnako tamy Yaveh, Iaze
Andragnahare Ambone Loatse, Zay nahare ty lagnitse naho ty tane, [23]te tsy handrambe sasane taretra, fehin-kapa
raike, na zaka hafa zay anao raho, soa tsy hazahoanao mitalily tihoe: 'Iraho ro nampanankarena ahy ndre
Abrama.' [24]Tsy hangalake na ino na ino afa-tsy zay fa nihany reo zatovo naho ty anjarany reo lehilahy zay niarake
tamiko raho. Lonike ho rambesy ndre Anera naho Eskola vaho Mamre ty anjara iareo."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 15

[1]Tao afara reo raraha reo e avy tamy ndre Abrama tamy ty fahisaha ty tsara Yaveh, nanao tiheo: "Ko matahotse,
Abrama! Iraho ro fiaronao naho valesoa lehibey loatse ho anao ." [2]Nanao tihoe Abrama tihoe: "Tompo Yaveh, ino
ro homeinao ahike, satria tsy mboe managn'anake avaho raho, vaho re Eliziera bak'agne Damaskosy ro
mpandova ty ajombako?" [3]Nanao tihoe Abrama: "Satria tsy nomeinao taranake raho, le ingo, ty mpitan-draraha ty
ajombako ro mpandova ahike."[4]Bak'eo, le ingo, avy tamy ty tsara Yaveh, nanao tihoe: " Tsy ho mpandova anao
zane lehilahy zane; te ze bak'amy ty nofotsinao avao kea ro ho lasa mpandova anao." [5]Le nanday aze niboake Re,
vaho nanao tihe: "Vambao ty lagnitse, vaho isafo reo vasia, laha afaky ty hagnisaky reo iriha." Bak'eo le nitsara
tamine Re tihoe: "Le hanahaky zane reo taranagnao."[6]Nino ahy Yaveh re, vaho nisafine ho fahamarigna ho aze
zane. [7]Nitsara tamine Re tihoe: "Iraho ro Yaveh, zay nanday anao niboake bak'ao amy ty Ora ty Kadeanina, soa
hagnome anao toy tane toy soa handova zane." [8]Nanao tihoe re: "Ty Tompo Yaveh, nanao akore ro hahaizako te
handova zane raho?"[9]Bak'eo nanao tihoe Re tamine: " handesanao anak'aombe vave telo tao raho, aose vavy
telotao, aondre vave telo tao, voromahilala, vaho ana-boromahilala." [10]Nandesine teo amine iaby reo iaby reo,
vaho nanapake reo ho roe, le napipoke ty antsasane kiraikirake iaby nifagnatrike, te reo voro kea tsy nizarane.
[11]Laha vao nizotso teo ambony ty karakasy re voro ty tindroke, le niroahy ndre Abrahama iareo.[12]Vaho lafa
nitsofotsy ty masoandro, le latsake tao ampo ty tori-maso lalike re Abrama vaho, ingo, nisy ieke lalike naho
nampihororo nandifotse aze. [13]Le nitsarane tamy ndre Abrama Yaveh tihoe: "Haintso te marine reo taranagnao le
ho mbahiny amy ty tane zay tsy aiereo, vaho ho andevozy naho ampijaly agnate ty efajato tao.[14]Hitsara zane
firenena zay ho tompoy iareo zane Raho, vaho lafa afake zane le hiboake miarake amy ty fanagna maro iareo.
[15]Te iriha le ho agne amy ty razambeinao am-piadagna, vaho ahalevy amy ty fahantera. [16]Agne amy ty taranake
faha efatse le ho avy eto ndraike iareo, te ty hilogny reo Amorita le tsy mboe nahatratse ty fetrane."[17]Lafa
nitsofotse ty masondro vaho maieke, le ingo, nisy valagny niboake setrok'afo naho jiro nandalo teo agnelagnela
reo singane. [18]Tamy io andro io le nanao fagneke niarake tamy ndre Abrahama Yaveh, nanao tihoe: "Homeiko ho
ahy ty taranagnao etoa toy tane toy, manomboke amy ty vavarano ndre Egypta le hatragny amy vavarano lehibey,
Eofrata__[19]reo Kenita, Kenizita, Kodmonita, [20]Hetita, Perizita, Refaita, [21]amorita, Kananita, Girgasita, vaho reo
Jebosita."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 16

1 Vaho Saray, valy ndre Abrama, le tsy nisamake ajaja ho aze, feie nana mpiasa ampela raike re, zay Egyptiana,
kinaike tihoe Hagara, 2 Kea nanao tihoe Saray tamy ty Abrama: "Ingo, tsy namela ahike hanan-janake Yaveh.
Mandena mandre miarake amy ty mpiasa ampelako. zane vasa ro mete hahazoako anake bak'amine." Nitsano ty
feo ndre Saray re Abrama. 3 Folo tao tafara ty nitoboha ndre Abrama tao an-tane Kanàna ro nagnomeza ndre Sara,
valy ndre Abrama, ahy ndre Hagara mpiasa ampelane Egyptiana, ho valy ty valine. 4 Kea niarake tamy ndre
Hagara re, vaho nibevoka. afa hisane te nibovoka re, le nivamba ty tompo ampelna tamy ty fagnamboka. 5 Vaho
nanao tihoe Sara tamy ndre Abrama tihoe: "Noho ty aminao avao zao rate mahazo ahike zao. Nomeiko ho eo an-
tratranao ty mpiasako ampea, vaho afa hisane te nibovoka re, le nibokany teo amasone raho. Lonike Yaveh ro
hitsara ahike naho iriha." 6 Te nanao tihoe Abrahama tamy ndre Sara: "Ingo, eo amy ty fahefanao ty mpiasanao
ampea, ataovo amine zay heverinao ho mete loatse." Kea le nanao fateza mafy tamine re Sara, le nilay aze.
7 Nahisake aze teo agnila ty vavarano raike tagne an-tane haolo iaze anjely Yaveh, iaze vavarano tegny an-dala
nandeha agne Sora. 8 Nanao tihoe re: "Ty Hagara, mpiasa ndre Sara, bak'aia iriha vaho handeha ho aia?" Vaho
nanao tihoe re: "Lomay ahy ndre Sara tompoko ampela raho." 9 Ty anjely Yaveh nitsara tamine tihoe: "Mimpolia
agne amy ty tompo ampelanao, vaho mihareta amy ty fahefane." 10 Vaho nanao tihoe iaze anjely Yaveh tamine:
"Hampitombo isake ty taranagnao vantane Raho, le tsy ho vatsy isafe iareo." 11 Nanao tihoe kea iaze anjely Yaveh
tamine: "Ingo, bevoka iriha, vaho hisamake ajajalhy, vaho ty agnarane le hataonao tihoe Ismaela, satria
nahaheno ty fijaleanao Yaveh. 12 Ho borikidy ty ndaty re. Handrafe ty ndaty iaby re, vaho ty ndaty iaby hirafe
amine, vaho hitoboke lavitse ty rahalahine iaby re. 13 vaho nomeine ahy Yaveh zay nirehake tamine zao agnara
zao: "Iriha ro Andragnahare zay mahisake ahike," te nanao tihoe re: "Mboe mahisake avao vantane vao raho, na
tafara ty nahisahane ahike kea?" 14 Noho zane le kinaike tihoe Bera-lahai-roy iaze fantsaka: ingo, eo agnelagnela
ndre Kadesa naho Bereda zane. 15 Nisamake ty anandahy ndre Abrahama re Hagara, vaho nomey ndre Abrama
agnara tihoe Ismaela ty anane, zay nasamaky ndre Hagara. 16 Valopolo enegn'amby re Abrahama tamy ty
nisamaha ndre Hagara ahy ndre Ismaela ho anane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 17

[1]Tamy ndre Abrama sivapolo sivy amby tao, le niseho tamine Yaveh vaho nitsara tamine tihoe: "Iraho ro
Andragnahare Tsitoha. Mandena eo agnoloako, vaho lonike tsy hisy tsikone. [2]Le hamitsike ty fagnekeko teo amiko
nao iriaha Raho, vaho hagnamaro anao mafy."[3]Nihohoke tamy ty tane Abrama vaho nitsara tamine
Andragnahare, nanao tihoe: " [4]Laha ty Amiko, le ingo, aminao ty fagnekeko. Ho rae tyt firenena lahialy iriha. [5]Tsy
ho Abrama sase ty agaranao, te hatao tihoe Abrahama__satria manendre anao ho rae ty firenena lahialy Raho.
[6]Hahamaro anao malaky Raho, vaho hataoko firene maro iriha, vaho hisy mpanjaka ho avy aminao.[7]Haoriko ty
fagnekeko eo amiko naho aminao vaho ty taranake afaranao, amy reo taranake faramandimby iareo ho fagneke
tsy manam-pahatapera , soa ho Andragnaharenao naho ho ahy reo taranake misolo anao Raho. [8]Homeiko anao,
naho reo taranake misolo anao, ty tane nitobohanao, le ty tane Kanàna iaby, ho fanagna zisikam-parane, vaho
Iraho ho Andragnahare iareo."[9]Bak'eo andragnahare nitsara tamy ndre Abrahama tihoe: "Laha ty aminao, le tsy
maintse miamby ty fagnekeko, iriha naho ty taranakao afaranao hatramy ty taranake faramandimby iareo. [10]Zao
ro fagnekeko, zay tsy maintse ambenanao, eo Amiko naho aminao vaho ty taranake afaranao: tasy maintse
savare ty lehilahy iaby eo aminareo. [11]Tsy maintse savary ty nofotsy ty loha ofokareo, le zane ro famantara ty
fagneke eo Amiko naho aminao.[12]Ty ajajalahy valo andro eo aminao, hatramy ty taranaky reo ndatinao le tsy
maintse savary. Agnisa zane ze terake bak'ao amy ty asaveregnanao naho zay nivily vola bak'amy ty bahiny zay
tsy raike amy reo taranagnao. [13]Tsy maintse savary iaby zay terake bak'amy ty asaveragnanao naho zay nivily
tamy ty volanao. Amy zane ty fagnekeko le ho ao amy ty nofonareo soa ho fagneke zisikam-parane. [14]Na ia na ia
lehilahy tsy misavatse zay tsy nisinavatse amy ty vahoakane, Nanika ty fagnekeko re."[15]Vaho Andragnahare
nitsara tamy ndre Abrahama tihoe: "Laha ty amy ndre Saray valinao, le ko kaihy tihoe Saray sase re. Te kea,
Saraha ro ho agnarane. [16]Hitahy aze Raho, vaho homeiko anandahy bak'amine iriha. Hitahy aze raho, vaho ho
rene ty firenena maro re. bak'amine reo mpanjaka ty ndaty."[17]Bak'eo nihohoke tamy ty tane Abrahama, vaho
nihehy, le nitsara tao agn'arofone tihoe: "Nao mboe hisy ajaja afake hiterake ho ahy ty lehilahy zay fa zato tao
vao? Manao akory ro hahafaha ndre Saraha, zay fa sivapolo sivy amby tao, handay ty troke?" [18]Nanao tihoe
Abrahama tamy ty Andragnahre: "Lonike Ismaela ho velo eo agnatrehanao!"[19]Nanao tihoe ty Andragnahare:
"Aha, te Saraha valinao le hagnomey anandahy ho anao, vaho tsy maintse ataonao tihoe Isaka ty agnarane.
Haoriko amine ho fagneke zisikam-parane miarake amy reo taranake faramandimbine ty fagnekeko. [20]Laha ty
amy ndre Ismaela, le fa henoko iriha. Ingo, mitsi-pirano zae Raho, vaho hampamokatse aze, naho hampitombo
aze fatratse. Ho raeny reo mpitarike ty foko folo roe ambe re, vaho hataoko anjary firenena lehibey. [21]Te ty
fagnekeki le haoriko amy ndre Isaka, zay hasama ndre Saraha ho anao amy ty fotoa manahaky zao amy ty tao
magnarake."[22]Lafa baka nirehake tamine Re, le niakatse niala bak'eo amy ndre Abrahama Anddragnahare.
[23]Bak'eo Abrahama nangalake ahy ndre Ismaaely anandahine, naho reo iaby tao amy ty asaveregnane, vaho reo
iaby niviline vola, ty lehilahy iaby tao amy ty tokantrano ndre Abrahama, le nanavatse ty nofo iareo tamy io
andro io, arake ty nitalily ty Andragnahare tamine.[24]Sivapolo sivy amby tao Abrahama tamine re nitapahy nitahy
ty ofokine. [25]Folo telo amby tao Ismaela tamy re nitapanake tamy ty nofotse. [26]Tamy io andro io le sambe
voatapake Abrahama naho Ismaela anandahine. [27]Nitapahy niarake tamine reo lehilahy iaby tao agn'ajombane,
agnisany zay reo terake bak'ao agn'ajombane naho reo nivily vola bak'amy ty bahine.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 18

[1]Niseho tamy ndre Abrahama teo agnila ty Hetae tarebinta ty Mamre re Yaveh, laha nitoboke teo antokonam-
baravara ty lay tamy ty misondrotsy ty andro re. [2]Niandrandra re vaho, ingo, nahisake lelhilahy telo nitsanga teo
amy ty tandrifine. Lafa hisagny iareo, le nilailay hivamba aiereo, bak'eo am-baravara ty lay re vaho nihohoke
ambane tamy ty tane.[3]Nanao tihoe re: "Tompo, laha nahike sitrake teo amy ty fanjonao raho, le ko mandalo na
magnenga toy mpiasanao. [4]Lonike hisy rano kele ho andesy, sasao ty tombonareo, vaho mijànogns eo ambane
hetae.[5] Apoho raho handay sakafo kele, soa hahazahoanareo mamelombelo ty vatanao. Lafa afake zane le afake
mandeha amy ty lalanareo nareo, satria avy teo amy ty mpiasanareo nareo." Ataovo manahake ty
nirehafinao."[6]Bak'eo Abrahama nizilike ,alaky tao an-day tao amy ndre Saraha, vaho nanao tihoe: "Malaky,
mandesà koba soa intelo ty Sea volavolao zane, vaho ataovo mofo." [7]Le nilailay tagne amy ty mpiamby aondre
Abrahama, vaho nangalake anak'aondre zay vondraky naho soa, vaho nagnome zane iaze mpiasa, vaho
nikoropake hikarakara zane re. [8]Nangalake bolokon-dronono naho ronono re, vaho iaze anak'aombe zay fa
voakarakara, vaho nanozo ty mahatanjake teo agnoloa iareo, vaho nitsanga teo agnila iareo teo ambany ty hetae
re vaho mboe nitava iareo.[9]Nitsara tamy iareo tihoe: "Aia re Saraha valinao? Namale re tihoe: "Ao ampo lay ao."
[10]Nanao tihoe re: "Himpoly aminao vantane raho amy ty lohatao, vaho ingo, hana anandahy re Saraha valinao."
Nitsano teo antokonam-baravara ty lay, zay tao afarane re Saraha.[11]Vaho fa antitse Abrahama naho Saraha,
nndroso tao vantane, vaho fa nihoatse ty tao zay hahazahoa ty ampela bevoka re Saraha. [12]Le nihehy ty vantane
Saraha, nanao tamy ty vatane tihoe: "Lafa tsy misy mpaiava ahike vaho ty tompoko le antitse, hana zane
fahafinareta zane vao raho amy henanizao?"[13]Yaveh nitsar tamy ndre Abrahama tihoe: "Nagnino ro nihehy
Saraha vaho nitsara tihoe: 'Hanagn'anake vantane vao raho, na antitse kea raho?' [14]Nao misy zaka sarotse loatse
amy Yaveh vao? Amy ty fotoa voatondroko, amy ty lohatao, himpoly agne aminao Raho. Amy zane fotoa zane
amy ty tao ho avy le hanagn'anandahy Saraha." [15]Vaho nandà zane Saraha vaho nanao tihoe: "Tsy nihehy raho,"
satria natahotse re. namaly Re tihoe: "Aha, nihehy vantane iriha."[16]Le nitsanga reo lehilahy soa handeha vaho
nivamba tagny Sodoma. Nandeha niarake tamy iareo Abrahama soa hivamba aiereo tegny amy ty lala iareo. [17]Te
nanao tihoe Yaveh: "Tokone avoniko amy ndre Abrahama vao zay ho anoeko, [18]satria vantane Abrahama le ho
hanjry firenena lehibey naho mahere, vaho reo firenena iaby eto ambone ty tane le ho tahy bak'amine? [19]Te nifily
aze Raho soa hahazahoane mampianatse reo anane naho ty asaveregnane hagnarake aze soa hiambby ty lalàgna
Yaveh, soa hanao ty fahamarigna naho ty rarine, soa hahazahoa Yaveh manday eo amy ndre Abrahama zay
nitalily tamine."[20]Le nitsar tihoe Yaveh: "Satria lehibey loatse ty fitaraigna ty amy ndre Sodoma naho Gomora,
vaho satria be loatse ty haratia iareo, [21]le hizotso agne Raho zao vaho hivamba ty fitaraigna ty amine zay avy
tamiko, na nanao zane vantane iareo. Laha tsy zane, le ho haintso."[22]Noho zane le nihoke bak'ao reo lehilahy,
vaho nandeha agne Sodoma te Abrahama nijano nitsanga teo agnoloa Yaveh. [23]Bak'eo Abrahama namonje vaho
nitsara tihoe: : Hifaoke ty marene miarake amy ty rate fagnahy vao iriha?"[24]Mete misy marene dimampolo ao
amy ty tanà. Handrava zane vao Iriha vaho tsy hamindra arofo ty toera noho ty amy ty dimampolo marene ze
ao? [25]Sagnatria aminao ty hanao zaka manahake zane, mamono ty to miarake amy ty rate fagnahy, soa
hahazahoa manday ty marena manahake ty rate fagnahy. Sagnatria aminao zane! Tsy hanao zay marine vao ty
Mpitsara ty tane iaby? [26]Nanao tihoe Yaveh: "Laha mahisake marene dimampolo ao an-tanà ao Sodoma raho, le
hamindra arofo ty toera iaby noho ty amy iare."[27]Namale Abrahama vaho nanao tihoe: "Ingo, nagnina ty
nirehafako tamine ty Tompoko, na le leboke naho lavenoke avao kea raho! [28]Nanao akore laha latsake dimy ty
dimampolo marene? Handrava ty tanà iaby noho ty dimy tys ampe vao Iriha?" Le nanao tihoe re: "tsy handrava
zane Raho, laha mahisake efepolo dimy ambe ao."[29]Le mboe nitsara tamine ndraike re, vaho nanao tihoe: "Nanao
akore laha misy efapolo hisake ao?" Namale Re tihoe: "Tsy hanao zane noho ty efapolo raho." [30]Nanao tihoe re:
"Azafade ko masiake, ty Tompo, soa hazahoake mitsara. Vasa telopolo ro hisake ao." Namale Re tihoe: "Tsy hanao
zane Raho, laha mahisake telopolo ao." [31]Nanao tihoe re: "Ingo, nagnina hitsara tamy ty Tompoko raho! Vasa
roapolo ro ho hisake ao." Namale Re tihoe: "Tsy handrava zane noho ty roapolo Raho."[32]Nanao tihoe re: "Azafady
ko masike ty Tompo, vaho hitsara toy farane raho. Vasa folo ro ho hisake ao." Le nitsara tihoe: "Tsy handrava
zane noho ty folo Raho. [33]naneha tamy ty lalane Yaveh vantane vao baka nirehake tamy ndre Abrahama, vaho
Abrahama nimpoly noly.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 19

[1]Avy tao Sodoma re anjelyroe lafa hariva, laha mboe nitoboke teo ambavahady ndre Sodoma re Lota. Hisagny
ndre Lota iareo, nitsanga hanalaka aiereo, vaho nandohalike ty vatane tamy ty tane. [2]Nanao tihoe re: "Tompoko,
mangatake ananreo ragnandria raho mba hitsily ao agn'ajomba ty mpiasanreo, mijanogna ao androane halike,
vao sasao ty tombonareo. Le afake mifoha vvao mazava atignana nareo vaho mandeha amyzay lala andenareo.
Namale iareo tihoe: "Aha, handany ty halike eo an-kiaja ty tanà zahay." [3]Te nangatake mafe aiereo re, le niarake
tamine iareo, vaho nadroso tao agn'ajombane. Niketrike mahatajake naho nagnendy mofo tsy misy masirasira re,
le nitava iareo.[4]Nefa taloha ty natoria iareo, ty lehilahy ty tanà, ty lehilahy ndre Sodoma, nihodidi ty ajomba, ty
tanora naho ty antitse, reo lehilahy iaby bak'amy ty faritse ty tanà. [5]Kinaigny iareo Lota, le nirehaky tamine tihoe:
"Aia rei lehilahy zay avy tato aminao tamy toy halike toy? Andeso atoy aminay iareo, soa hazahoanay miarake
mandre amy iareo."[6]Le niboake ty varavara ho eo amy iareo Lota vaho nandrindry ty varavara tao afarane.
[7]Nanao tihoe re: "Ty rahalahiko mangatake anareo raho, ka manaozaka rate loatse. [8]Ingo, mana anak'ampela roe
zay tsy mbo niarake nandre tamy ty lehilahy raho. Apoho raho, manao ragnandria aminareo raho, andesiko eto
aminareo reo, vaho ataovo amy iareo zay soa eo amasonareo. Ko manao na ino na ino amy reo, satria avy ato
ambany aloky ty tafoko iareo."[9]Nanao tihoe iareo: "Mindrosoa!" Nanao tihoe kea iareo: "Toy raiky toy le avy teto
soa hitoetse ho bahiny, vaho reke ndraike ro ho lasa mpitsara antika! Vaho amy henane zao le hanao zay raty
loatse miarake aminao noho ty miarake amy iareo zahay." Nanosiky mafy nanoitse ahy iaze lehilahy iareo,
nanohitsy ahy ndre Lota, vaho namonjy soa hamakyty varavara.[10]Te reo lehilahy nananga ty tagna iareo naho
nisinto ahy ndre Lota hizilike ao an-tragno hiarake amy iareo nandrindry ty varavara. [11]Vaho reo bahiny ndre
Lota namofoky agne avao reo lehilahy zay tao ambaliky ty varavara ty tragno, ty kele naho bey, soa hahaavy
aiereo vozake avao laha niezaky nipay ty varavara iareo.[12]Le nitsara tamy ndre Lota reo lehilahy tihoe: "Mboe
misy ndaty hafa vao ato aminao? Vinanto lahy, reo anak'ampelanao nahho reo anak'ampelanao, vaho zay
hanagnanao eto amy toy tanà toy, le andeso miboake etoa iareo. [13]Te fa ho ravanay toy toera toy, satria fitana zane
eo agnatreaha Yaveh le nanjary mafy loatse le nirahine handrava zane zahay."[14]Nandeha Lota vaho nampiatalily
reo vinanto lahine, reo lehilahy zay fa nampagnantegna hanambaly reo anak'ampelane, vaho nitsara tihoe:
"Malaky, mindrisoa amy toy toera to nareo, te ho rava Yaveh toy tanà toy." [15]Vo mazava atignana ty andro, le
nangatake tamy ndre Lota reo anjely, nitsara tihoe: "Mandena, andeso ty valinao naho reo anak'ampelanao roe
andeso, soa tsy voarava kea iriha amy ty fandilova ty tanà"[16]Nefa nalaodao re. Le nitana reo lehilahy ty tagnane,
naho ty tagna ty valline, vaho ty tagna reo anaka'ampela roe, satria bey famindram-po tamine Yaveh. Nandesy
iareo niala iareo, napo iareo ambaliky ty tanà, [17]Lafa tafaboake iareo tagnyambaliky iareo, le nitsara ty raiky ty
tamy reo lehilahy tihoe: "Lomaisa ho amy ty fiainanareo! Ko mitolike, na mijano amy ty tane lemake. milaisa
agne am-bohitse soa tsy ho voarava nareo."[18]Nanao tihoe Lota tamy iareo: "Aha ragnandria Tompoko o! [19]Fa
nahisake fitea teo amy ty fajonao ty mpiasanao, vaho fa naneho hasoam-pagnahy lehibey tamiko iriha tamy ty
namoenjeanao ty fiaiko, feie tsy afake hilay agne am-bohitsy raho, satria hahatratsy ahike ty loza, vaho ho maty
raho. [20]Te ingo, roy tanà roy lre marinike loatse azo hilaisa soa, vaho kele reke io. Tompoko, lonike ragnandria
raho hilay ao (tsy ho kele vao io?), vaho le ho voasarombake ty fiaiako.[21]Nanao tihoe re tamine: "Eka moa, inako
avao kea zane fangataha zane, te tsy hamotike ty tanà zay nitalilinao teo raho. [22]Malaky! Milaisa agne, te tsy
afakw hanao na ino na ino raho mandr-piavianao agne." Noho zane ro nikaiha ty tanà tihoe: Zoara.[23]Fa nivaky
tamy ty tane ty masoandro lafa avy tao Zoara re Lota. [24]Le napipoke solifara naho afao bak'agne an-dagnitse tamy
ndre Sodoma naho Gomoara Yaveh. [25]Nipotehine reo tanà, naho ty lemake iaby, naho reo vahoake iaby tao amy
reo taná reo, vaho reo zaka-mitiry zay nitiry tamy ty tane.[26]Feie ty valy ty ndre Lota, zay tao afarane nitolike le
nanjary bolon-tsira re. [27]Vo nifoha maraindray Abrahama le nandehane amy iaze toera zay nitsanganane teo
agnatreha Yaveh. vamba ahy ndre Sodoma naho Gomora naho ty tane lemake iaby re. [28]Nivamba re le ingo,
niakatse manahake ty setroke ty laforo bey ty setroke bak'amy ty tane.[29]Vaho lafa nandrava reo tane lemake
Andragnahare, le nahatiaro ahy ndre Abrahama. Nandesine niala bak'ao ampagnivoa ty fandrava re Lota lafa
nandrava ty tanà zay nitoboha ndre Lota Re.[30]Le niakatse bak'ao Zoara re Lota soa hitoboke tagne amy reo
vohitse niarake tamy reo anak'ampelane roe, satria natahotse nitoboke tao Zoara re. Nitoetse tampo lava-bato
raike re, reke naho reo anak'ampelane roe.[31]Nanao tihoe anak'ampelane taolagnolo tamy ty zaine: "Fa antitse ty
raentika, vaho tsy misy lehilahy hiarake amndre amintika arake zay fatao zao tontolo zao. [32]Avia Andeha
hampinomintika divay ty raentika, vaho hiarake handre amine tika, soa hazahoantika magnitatse ty taranake ty
raetika." [33]Le nampinoy iareo divay ty raene tamy io halike io. Bak'eo le nizilike iaze taolagnolo vaho nadre nirake
tamin-draene; feie re le tsy nahay ty fota zay nadreane na ty nifohazane.[34]Lafa hamaray le nitsara tamy ty zaine
iaze taolagnolo ampela tihoe: "Tsanogno, nandre niarake tamy ty raeko raho nakale. Kea ndao hampinomintika

divay avao kea re androane halike, vaho tokone mizilike ao iriha vaho mandre miarake amine, soa hazahontika
magnitase ty taranake ty raentika." [35]Le nampinomy iareo divay ty raene tamy io halike io vaho nandeha nadre
niarake tamine iaze zaine. Tsy nahay zay nandreane re, na nifohazane.[36]Noho zane le sambe nanagn'anake tamy
ty raene reo anak'ampela ndreLota. [37]Ty taolagnolo ampela le nisamake ajajalahy, vaho kinaike Moaba. Reke ro
nanjary razambey ty Moabita amy henanezao. [38]Vaho iaze faravave, le nisamake ajajalahy avao kea, vaho nikaike
ze tihoe Benamy. Nanjary razambey ty tarana ndre Amona re amy henanzao.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 20

[1]Nandeha niala teo Abrahama le nandeha agne amy ty tane Negeva, vaho nitoetse amy ty tane Negeva, vaho
nitoetse teo agnelagnela ndre Kadesa naho Sora. Bahine nitoboke tagne Gerara re. [2]Nandesine ty mikasike ahy
ndre Saraha valine Abrahama tihoe: "Anabaviko re." Noho zane le nandefa reo lehilahine re Abimeleka
mpanjaka ndre Gerara vaho nala iareo re Saraha. [3]Te Andragnahare niseho tamy ndre Abimeleka tamy ty nofy ty
halike, vaho nitsara tamine tihoe: "Ingo, ho maty iriha ty lehilahy noho ty ampela nalanao, satria valy ndaty
re."[4]Vaho Abimeleka tsy mboe naharinike aze le nanao tihoe re: "Tompo, ho vonoanao kea vao na ty firenena
marene kea? [5]Tsy reke avao vao ro nisara tamiko tihoe: 'Anabaviko re? Na reke vantane kea le nitsara tamiko
tihoe: 'Anadahiko re.' Nataoko tamy ty hitim-poko zane vaho tamny ty tagnako tsy manan-tsikone."[6]Bak'eo
Andragnahare nitsara tamine tamy ty nofy tihoe: "Eka, fe haintso kea te tamy ty hitsy ty arofonao ro
nagnanovanao zane, vaho fe niaro anao tsy hanao rate amiko avao kea raho. Noho zane, tsy napipoke anao
hikasike aze raho. [7]Le noho zane, ampolio valy ty lehilahy, tse mpitoky re. Hivavake ho anao re, vaho ho velo
iriha. Te laha tsy ampolinao re, le dineho te vantane ho maty vantane iriha naho ze iaby anao."[8]Nifoha mraindray
bey Abimeleka vaho nikaike reo mpiasane iaby ho eo amine. Nitaliliene tamy iareo zane zaka iaby zane, vaho le
natahotse mafe re lehilahy, [9]Bak'eo Abimeleka nampikaike ty ahy ndre Abrahama le nanao tamine tihoe: "Ino toy
nataonao taminay?" Nanao akory ty nanaovako raty taminao, ro nandesanao haratia lehibey teo amiko naho ty
fanjakako iriha? Nataonao tamiko ze tsy tokoone natao."[10]Nanao tihoe Abimeleka tamy ndre Abrahama: "Ino ro
nanosike anao hanao zao zaka zao? " [11]Abrahama nitsara tihoe: "Satria nandinike raho tihoe: 'Azo antoke te tsy
misy tahotse ahy ty Andragnahare amy toy toera toy, vaho hamono ahike iareo noho ty amy ty valiko.' [12]Vaho kea,
anabaviko vantane re, anak'ampela ty raeko, te tsy anak'ampela ty reneko; vaho lasa valiko re.[13]Lafa nahaavy
ahike handao ty ajomba ty babako naho nampifalofalo toera ahike Andragnahare, le nanao tihoe raho tamine:
'Tsy maintse asehoanao amiko amy ty maha-valiko anao toy fahatokia toy: agne amy ze toera iaby zay
andenantika, le rehafo ty mikasike ahike tihoe: "rahalahiko re."" [14]Bak'eo nangalake aondre naho aombe, ondevo
lahy naho ampela abimeleka, vaho nagnome zane ahy ndre Abrahama. Bak'eo nampoline tagne amine re Saraha,
valy ndre Abrahama.[15]Nanao tihoe Abemeleka: "Ingo, eo agnoloanao ty taneko. Mitoera amy ze mete aminao."
[16]Nanao tihoe re tamy ndre Saraha: "Ingo, nomeiko sekele volafoty arivo ty rahalahinao. Zane le soa ho
tampemaso amy ty fandikan-dily natao anao teo amaso reo ndaty iaby zay miarake aminao, vantane nanao ty to
iriha."[17]Bak'eo Abrahama nivavake tamy ty Andragnahare, vaho Andragnahare nagnafake ahy ndre Abimeleka,
ty valine, vaho reo ondevo ampelane soa hazahoa iareo anake. [18]Satria Yaveh ro nahaavy ty ampela iaby tao
agn'ajomba ndre Abimeleka tsy hisamake iaby, noho re Saraha, valy ndre Abrahama.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 21

1Nitsano ahy ndre Saraha arake zay fa nitaliliene ho anoene Yaveh, vaho le natao Yaveh tamy ty Saraha arake ze
fa nampagnantegnaine . 2Nibovoka Sarah vaho nisamake anandahy tamy ndre Abrahama tamy ty fahanterane,
tamy ty fotoa voatondro ze fa nitalily ty Andragnahare tamine. 3Abrahama nagnome agnara ty anandahine, iaze
nasamake ho aze, zay nasama ndre Saraha ho aze, tihoe Isaka. 4Nitapahy ndre Abrahama Isaka anandahine tamy
re valo andro, arake ze nandilia ty Andragnahre aze.5Zato tao Abrahama laha nisamake ahy ndre Isaka anane.
6Nanao tihoe Saraha: "fa nampihehezy ty Andragnahre raho; ty ndaty iaby mahare ahike le hiarake hihehy
amiko." 7Nanao tihoe kea re: " Ia moa ro afake nitalily tamy ndre Abrahama te hiteaza ajaja Saraha, feie nisamake
ajajalahy ho aze tamy ty fahanterane raho!"8Nitombo ty ajaja le niota-nono, vaho Abrahama nanao fete bey tamy
ty andro nagnota nono ahy ndre Isaka. 9saraha nahisake iaze ana ndre hagara Egyptiana, zay naterane tamy ndre
Abrahama, nagnamboka aze.10Le nanao tihoe re tamy ndre Abrahama: "Roaho io andevo ampela io naho ty
anane: te ty anak'io andevo ampela io tsy hiaro lova amy ty anako, le Isaka." 11Zane zaka zane le vantane
nampijaly ahy ndre Abrahama noho ty amy ty anane.12Te nanao tihoe ty Andragnahare tamy ndre Abrahama: "Ko
malahelo noho ty amy ty ajajalahy, naho noho ty mpiasa ampelanao. Heno ty tsarane iaby zay taliliene anao
mikasike zane raraha zane, satria bak'amy Isaka ro hagnomeza agnara ty taranakao. 13Hataoko ho firenena avao
kea ty anaky ty mpiasanao ampelanao, satria taranagnao re."14Nifoha maraindray Abrahama, nangalake mofo
naho sine holitse nisy rano, le nomeine ahy ndre Hagara zane, napone teo an-tsorone. Nomeine aze iaze ajajalahy
vaho nalefane lavitse. Lasa re Hagara le nirerere tagne an-tane tsy misy raha ndre Beri-sheba. 15Lafa lany ty rano
tao ampo sine holitse, le napo ndre hagara teo am-pototsy ty hetae raike ty ajaja.16 Bak'eo lasa re le nitoboke
lavidavitse kele tamy iaze ajaja, tokone ho halavira ty fandefasa kiditse teo, te nanao tihoe re: "Lonike raho tsy
hagnete ty fahafatesa ty ajaja." Vaho nitoboke tandrifine re, le nanondrotse ty feone le nitomagny.17Andragnahare
nahare ty feo ty jajalahy, vaho ty anjely ty Andragnahare nikaike ahy ndre Hagara bak'agne an-dagnitse, le
nitsara tamine tihoe: "Ino porobolemonao Hagara? Ko matahotse te fa heno ty Andragahare ty feo ty ajajalahy eo
amyze hitobone. 18Mitsangàna, atsangano ty ajaja le ampaherezo re, te Iraho hanao aze ho firenena bey."19Bak'eo
Andragnahre nampahisake ty masone, le nahisake fantsaka re. Le lasa re nameno rano iaze vatavo holitse la
nampino rano iaze ajaja. 20Niarao iaze ajaja Andragnahare , vaho niha-bey re. Nitoboke tagne amy ty tane tsy
misy raraho re le lasa mandefa kiditsy. 21Nitoboke tagne an-tane tsy misy raraha ndre Parana re, vaho nangala ty
renene valy bak'agne Egypta.22Vaho tamy zane fotoa zane Abimeleka naho Pikola bey ty tafine nirehake tamy
ndre Abrahama le nitsara tihoe: " Andragnahare le miaro anao amy ze iaby ataonao. 23amy henane zao noho zane
mifanta amiko eto agnatreha ty Andragnahare te tsy hanao rate amiko iriha, na ty anako, na ty taranako iriha.
Aseho ahike naho amy toy tane ze nitobohanao toy ty fatokisam-pagnekea ze nasehoko taminao." 24Nanao tihoe
Abrahama: "Mifanta raho."25Nitoreo tamy ndre Abimeleka avao kea Abrahama mikasike ty vov fantsaka nala ty
mpiasa ndre Abimeleka an-kerene tamine. 26Nanao tihoe Abimeleka: "Tsy hainao zay nanao zane zaka zane. Tsy
nitsara mialoha zane tamiko iriha; tsy mboe naheno mikasike zane raho laha tsy androane." 27Noho zane
Abrahama le nangalake aondre naho aombe le nomeine ahy ndre Abimeleka, le nanao fagnekegn iareo roe lahy.
28Abrahama nanoka anak'aondre vave fito tamy reo aondrine. 29Nanao tihoe Abimeleka tamy ndre Abrahama:
"Ino ro dika retoanak'aondre vave fito natokanao reto?" 30Namale re tihoe: "reto anak'aodre vave fito reto le ho
rambesinao bak'amy ty tagnako, soa ho vavolombelo amiko, te iraho ro nihaly toy fantsaka toy."31Kea le kinaikene
tihoe Beri-sheba io toera io, satria teo iareo roe tonta ro nanao fifanta. 32Tao Beri-sheba iareo roe lahy ro nanao
fifagnekegna, bak'eo Abimeleka naho Pikola bey lehibey ty tafine nimpoly nandeha agne amy ty tane reo
Filistina.33Nambole hetae kely tao Beri-sheba re Abrahama. Nanompo ahy Yaveh, iaze Andragnahare zisikam-
parane tao re. 34Nitoetse ho bahiny agnate ty andro maro tagne amy ty tane ty Filistina re Abrahama.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 22

[1]Vaho tao afara reo zaka maro reo ro nitsapa ty Andragnahare ahy ndre Abrahama. Nanao tihoe Re tamine:
"Abrahama! " Nanao tihoe Abrahama: "Intoy raho." [2]Nanao tihoe Andragnahare bak'eo: "Alao ty anandahinao,
iaze lahy tokanao, zay teanao, le Isaka, vaho andeso agne amy ty tane ndre Moria. Omeo agne manahake ty
fagnatitse oroa egne ambone ty raike amy reo vohitse agne, zay ho taliliko anao re. [3]Vaho nifoha maraindray bey
Abrahama, nagnisy lasle ty borikine vaho nangalake pamarake roe hiarake amine naho Isaka anandahine.
Nitapahine ty hetae ho amy ize fagnatitse oroa, bak'eo le nanomboke ty liane ho agne amy iaze toera nitalily ty
Andragnahare tamine.[4]Tamy ty andro fahatelo Abrahama le nipay vaho nahisake iaze toera baka lavitse. [5]Nanao
tihoe Abrahama tamy reo mpiasane: "Mijanogna etoa miarake amy ty boriky te irihao naho iaze ajajalahy
handeha ho egne. Hanao fanompoa zahyay le himpoly etoa aminareo ndraike." [6]Bak'eo le nandrambe ty hetae ho
ay iaze fagnatitse oroa re Abrahama baho napipoke zane teo amy Isaka anane. Nandesine tegne an-tagnane ty afo
naho ty meso; vaho niarake nandendeha iareo roe.[7]Nitsara tamy ndre Adrahmama raene re Isaka: "Babako,"
vaho nanao tihoe: "Intoy raho anako." Nanao tihoe re: "Vambao, ndreo ty afo naho ty hetae te aia iaze aondre ho
atao fagnatitse oroa?" [8]Nanao tihoe Abrahama: "Andragnahare avao ro hagnomea iaze aondre ho atao fagnatitse
oroa, ty anako." Le nandeha niarake iareo roe.[9]Lafa avy teo amy iaze toera zay nitalily ty Andragnahare aze iareo
le nagnaomboatse alitara Abrahama vaho napipoke iaze hetae teo ambone. Bake le nandrohy ahy ndre Isaka
anane re vaho napipoke aze teo ambone alitara, ambone iaze hetae. [10]Nagnampatse ty tagnane Abrahama vaho
nangalake iaze meso hamonoa ty anane.[11]Bak'eo le nikaike aze bak'agne an-dagnitse ty anjely Yaveh vaho nitsara
tihoe: "Abrahama, Abrahama!" vaho nanao tihoe re: "Intoy raho." [12]Nanao tihoe: "ko magnampatse ty tagnanao
amy ty ajajalahy, na manao raraha handratse aze satria haiko amy henane zao te matahotse ahy ty Andragnahare
iriha lafa hisake te tsy niaro ty anandahinao, iaze anandahinao toka, bak'amiko iriha[13]Nitolike Abrahama vaho
ingo nisy aondre lahy nivanditse tamy reo rongo reo ty tsifane. nandeha re Abrahama vaho nangalake iaze
aondre lahy vaho nanao zane fagnatitse oroa zane ho solo ty anandahine. [14]Kea le kinay ndre Abrahama tihoe:
"Yaveh ro hagnampe" iaze toera, vaho nitalily hatramy zao andro zao tihoe: "Eka may ty vohitse Yaveh ro
hagnampea."[15]Nikaike ahy ndre Abrahama fagnindroane bak'agne an-dagnitse ty anjely Yaveh [16]vaho nitsara
tihoe__zao ty fagnambara ndre Yaveh__amy ty vatane ro nifantako te satria nahavita zane raraha zane iriha,
vaho tsy niaro ty anandahiko, iaze anandahinao toka, [17]hitahy anao vatane Raho vaho hampitombo mafe reo
taranagnao manahake rey vasia egne amy reo lagnitse naho manahake reo fasike egne amy sisin-dranomasy;
vaho reo taranagnao reo le ho tompo ty vavahady reo fahavalo iareo.[18]Reo firenena iaby eto ambone ty tane le ho
voatahy amy ty alala ty taragnao satria nagnina ty feoko iriha." [19]Noho zane le nimpoly teo amy reo mpamarakine
re Abrahama, le nandeha iareo vaho nandeha niarake nandeha agne Beri-sheba, vaho nitoboke tao Beri-sheba re.
[20]Tao afara reo raraha reo ro nitalily tamy ndre Abrahama tihoe: "nisamake ajaja tamy ndre Nahora rahalahinao
kea re Milka." [21]Le re Oza zay anandahine voalohane, Boza rahalahine, Kemoela baba ndre Arama, [22]Kaseda,
Hazo, Pildasy, Jidiafa vaho re Betoela.[23]Vaho Betoela nisamake ahy ndre Rebeka. Reo ajaja valo reo ro nasama
ndre Milka tamy ndre Nahora, rahalahy ndre Abrahama. [24]Vaho ty valitsindranone zay kinaike tihoe Reoma avao
kea le nisamake ahy ndre Teba, Gahama, Tahasy vaho Meaka.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 23

[1]Niaigne fito amby roapolo ambe zato tao re Saraha. Zane ty tao niaigna ndre Saraha. [2]Saraha le maty tao Kiriata
Arba, zane hoe, Hebrona, tao amy ty tane Kanàna. Nisao naho nitomagny ahy ndre Saraha re Abrahama.[3]Bak'eo
le nitsanga le niala bak'eo amy ty havilasy ty valine, vaho nirehake tamy reo anandahy ndre Heta, nanao tihoe:
[4]"Bahiny raho eto aminareo. Omeo toera fandevegna eto aminareo ragnandria raho, soa hazahoako mandevy ty
havilasy zay ahike."[5]Namale ahy ndre Abrahama reo anandahy ndre Heta, nanao tihoe: [6]"Mitsanogna anay,
tompoko. Andragnahare-bey ahy ty Andragnahare eto aminay iriha. Alevegno amy reo valavatonay zay safilinao
loatse ty faty ty valinao misy na ia na ia aminay handà zane valavato zane ho anao, soa hazahoanao mandevy ty
faty ty valinao."[7]Nitsanga Abrahama le nandohalike tamy reo ndaty teo an-toera, tamy reo anandahy ndre Heta.
[8]Nitsara tamy iareo re, nanao tihoe: "Laha manaike nareo te tokone handevy ty faty ty valiko raho, le heno raho
vaho hangataho re Efrona anandahy ndre Zohara, ho ahike. [9]Angataho re soa hivarotse amiko iaze lava-bato ndre
Makpela, zay aze, agne amy ty fara ty sahane. Amy ty viline feno le lonike re hamarotse zane amiko
ampahibemaso hanahake ty fanagna ho toera fandevegna."[10]Vaho Efrona nitoboke teo amy reo anandahyndre
Heta, vaho Efrona iaze Hetita namale ahy ndre Abrahama soa ho heno reo anandahy ndre Heta, naho reo iaby
zay avy teo amy ty vavahady ty tanàne, nanao tihoe: [11]"Aha, tompoko, tsanogno raho. Nagnome baibo anao raho,
naho ty lava-bato zay ao amy zane. Nomeiko ho anao teo agnatreha reo anandahy ty ndatiko zane. Omeiko anao
zane soa handevagnanao ty havilasy zay anao."[12]bak'eo Abrahama nampihohoke ty vatane nagnoloa ty ndaty teo
an-toera. [13]Nitsara tamy ty Efrona re soa ho heno ty ndaty teo amy iaze tanà, nanao tihoe: "Feie laha teanao,
tsanogno ragnandria raho. Ho viloko ty baibo. Rambeso ty ndrala bak'amiko, vaho handevy ty havilasy ty valiko
egne raho."[14]Efrona namale ahy ndre Abrahama, nanao tihoe: [15]"Lonike ragnandria, tompoko, minjanjigna ahike
ragnandria. Sekely volafoty efajato ro tendreke ty ampahan-tane raike, ho ino amintika naho iriha zane?
Alevegno ty havilasy ty valinao." [16]Ninjanjigny ndre Abrahama re efrona le nilanjaene ho ahy ndre Efrona ty
volafoty ze nirehafine soa ho heno reo anandahy ndre Heta, sekely volafoty efajato, arake ty fandanja mahazatse
ty mpivarotse.[17]Noho zane ty tane ndre Efrona, zay tao Makpela, teo agnila ndre Mamre, zane hoe, iaze baibo,
iaze lava-bato ze ao amy zane, naho reo hetae iaby zay eo amy ty tane naho magnodidy ty sisine, le lasa ndre
[18]Abrahama tamy ty fivilia zane teo agnatreha reo anandahy ndre Heta, teo agnatreha reo iaby ze avy reo amy
iaze vavahady ty tanàne.[19]Tao afara zane, le nandevy ahy ndre Saraha valine tao amy iaze lava-bato iaze baibo
ndre Makpela re Abrahama, ze teo agnila ndre Mamre, zane hoe, Hebrona, tao amy ty tane kanana. [20]Noho zane
ty baibo naho ty lava-bato ao zay le lasa fanagna ndre Abrahama ho toeram-pandevegna, zane le bak'amy reo
anandahy ndre Heta.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 24

[1]Vaho fa vatane antitsy mare Abrahama vaho nitahy Andragnahare tamy ty zaka iaby. [2]Nanao tihoe Abrahama
tamy ty mpiasane, ze raokine mare teo amy ty hasaveregnane vaho nanapake teo amy ty ze iaby nanagnane: "
Apoho eo ambany ty feko ty tagnanao [3]vaho ampanovoko mifanta amy Yaveh, iaze Andragnahare ty lagnitse
naho Andragnahare ty tane riha, sao tsy hangalake vale ho ahy ty anandahinao bak'amy reo anak'ampela ty
Kananita, eo amy reo ze hagnoregna ty fitobohako. [4]Te handeha ho agne amy ty fireneko rihaa, agne amy reo
longoko, le mangalake vale ho ahy Isaka anandahinao."[5]Nanao tihoe iaze mpiasane tamine: " Nanao akore laha
tsy vonogne ty handeha hagnarake ahike ho atoy amy toy tane toy iaze ampela? Tsy maintse handay ty ananao
himpoly agne amy ty tane niavianao va raho?" [6]Le nanao tihoe Abrahama tamine: " Mahazò antoke ty tsy
handesanao ty anandahinao himpoly agne! [7]Yaveh, iaze Andragnahare ty lagnitse, ze nangalake ahike bak'ao
agnan-jomba ty bababko naho bak'agne amy ty tane ty longoko, sade nampagnantegna ahike tamy ty fifanta
maresake nitalily tihoe: ' Omeako ho ahy ty taranakao toy tane toy,' Reke ro hagnarike ty anjeline hiaolo anao,
vaho hahisake vale ho ahy ty ananao agne riha.[8]Feie laha tsy vognone ty hagnarake anao ty ampela, le ho afake
amy ty fifantako riha.Tsy tokone handay ty anako mimpole agne avao riha."[9]Kea napipoke ty tagnane tao ambane
ty fe ndre Abrahama tompone iaze mpiasa vaho nifanta mikasike zane raraha zane.[10]Nangalake folo tamy ty
rameva ty tompone iaze mpiasa vaho nandeha.Nanday reokaraza ty fagnomeza iaby bak'amy ty tompone avao
kea reke. Niala re le nandeha tagne amy ty farirse ndre Arama Naharaima, tagne amy ty tanà ndre Nahora.
[11]Nataone nitoboke tegne ambalike ty tanà teo agnila ty fatsaka rano reo rameva. Hariva tamy zane, fotoa fiboaha
ty ampela hatsaka rano.[12]Bak'eo reke nanao tihoe: " Yaveh Andragnahare ndre Abrahama tompoko, Omeo ahike
amizao ty fitahia vaho aseho ty tsy fivaliham-pagneke amy ndre Abrahama tompoko. [13]Ingo, intoy raho mitsanga
etoa mariny ty vavarano, vaho miboake soa hangalake rano reo anak'ampela ty ndaty ty tanà. [14]Lonike ho
tanterake manahake zao zane. Lafa mitalily amy ty ampela raike raho tihoe: ' Mba azotso gea ty vatavonao soa
hahazoako mino,' le miresake amiko re tihoe:' minoma, vaho homeiko rano avao kea reo ramevanao,' le lonike ho
reke iaze raike ze nitendrenao ho ahy Isaka mpiasanao. Amy zane ro hahisahako te naneho tsy fivaliha fagnekea
tamy ty tompoko Riha."[15]Vaho mbo tsy nahavita nirehakine ka reke, le ingo, niboake niarake tamy ty vatavo ty
ranone teo an-tsorone re Rebeka. Rebekka le natera ndre Betoela, anandahy ndre Milka, vale ndre Nahora,
rahalahy ndre Abrahama. [16] Soa tarehe vatane iaze somondrara noho mbo tsy mahasake lahy. Tsy mbo nisy
lehilahy nandre tamine. Nandeha nijotso tegne may iaze vavarano reke le nameno ty vatavone, vaho niakatse.
[17]Vaho nilailay soa hifanojike amine iaze mpiasa vaho nirehake tihoe: " Mba omeo rano kele mba hinome amy ty
vatavonao gea raho." [18]Nanao ntihoe reke: " Minoma tompoko," vaho nazotsone malake ho eo an-tagne ty vatavo,
le nomeine rano reke.[19]Lafa baka nagnomey ho ninome ho aze re, le nirehake tihoe: Hanintomako rano avao kea
reo ramevanao, zisike hinoma iareo hatramy ty farane."[20]Kea nailine malake vaho niritsiny ty rano tao agnate
vatavo ho eo amy ty lavake finoma, vaho nimpoly nilailay nagnegny amy ty fantsaka soa hangalake rano reke,
vaho nangalake rano hoahy reo ramevane iaby.[21]Nandinike aze arere iaze lehilahy soa hahisane laha nitahy ty
liane Yaveh na tsia. [22]Lafa baka nino rano reo rameva, le nampimboake kiviro ty oro volamena milanja antsasake
sekely,naho firavake volamena ore fatao amy ty sandre milanja folo sekely ralahilaahy, [23]vaho nagnontane tihoe:
anak'ampelan'ia moa riha? Mba talilio ahike, misy efetse mba handanianay ty halike va ao agnan-jomba ty
babanao?"[24]Nanao tihoe re tamine: " Anak'ampela ndre Betoela anandahy ndre Milka, ze naterane tamy ndre
Nahora raho." [25]Nanao tihoe avao kea reke tamine: " Vaho mana mololo naho ankata maro avao kea zahay, vaho
toera ho anareo mba handania ty halike."[26]Bak'eo le nihohoke iaze lehilahy vaho nitsaoke ahy Yaveh. [27]Nanao
tihoe reke: "Antsay vatane YAveh, iaze Andragnahare ndre Abrahama tompoko, ze tsy nahafoy ty tsy fivadiham-
pagnekene naho ty fahamendreham-pitokiane nagnoloa ty tompoko. LAha ty amiko, le nandesy ndre Yaveh
mivanta tao an-tragno ty longo ty tompoko raho."[28]Bak'eo nilailay iaze somondrara vaho nitantara tamy ty
haseveregnan-drenine mikasike zane zaka iaby zane. [29]Vaho nana rahalahy re Rebeka, Labana ro agnarane.
Nilailay nagnagne amy iaze lehilahy ze tegne an-dala tagne ambalikine teo marine ty fantsaka ndre Labana.
[30]Lafa nahisake ty kiviro ty oro naho reo firavake teo amy vata ty anabavine reke, vaho lafa nahaheno ty resa
ndre Rebeka anabavine tihoe: " Ia ro nitalily iaze lehilahy tamiko," Le nagnagny amy iaze lehilahy re, vaho ingo,
nitsanga niarake tamy reo rameva teo agnila ty fantsaka reke.[31]Le nanao tihoe Labana: " Avia, riha ry voatahy
Yaveh. Nanao akore riha ro mitsanga egne ambalike egne? Fa nagnoma ty tragno, vaho ty toera reo rameva
raho." [32]Kea le nizilike tao an-tragno iaze lehilahy vaho nampizotso ty enta teo amy reo rameva, vaho nisy rano
nivatiane hanasa ty tombone naho ty tombo reo lehilahy ze niarake tamine.[33]Nandroso sakafo teo agnoloane ho
tavae iare, feie nanao tihoe reke: " Tsy hitava raho laha tsy fa voatalililiko ze tokone hambarako." Kea le nanao
tihoe Labana tihoe: "Talilio are." [34]Nanao tihoe re: "Mpiasa ndre Abrahama raho. [35]Nitahy aze vatane Yaveh vaho

nanjare lasa ndaty manam-bey re. Nagnomey aze ondre miarake amy ty ose naho aombe, volafote naho
volamena, mpiasa lehilahy naho mpiasa ampela, vaho rameva naho borike Reke. 36 Saraha, valy ty tompoko, le
niterake anandahy ho ahy ty tompoko tamy ty fahanterane, vaho nomeane aze iaby ty zaka nanagnane.
37 Nampanaovo ty tompoko fifanta raho, tamy ty nitaliliene tihoe: ' Riha tsy mahazo mangalake vale ho ahy ty
anandahiko bak'amy reo anak'ampela ty tanine. 38 Te kea, tsy maintse mandeha mangnagne amy ty longo ty
babako riha, vaho agne amy reo longoko, le hangalake ho ahy ty anako.' 39 Nanao tihoe tamy ty tompoko thoe: Mete
tsy hagnarake ahike iaze ampela.' 40 Te nanao tihoe kea re tamiko: 'Yaveh' ze andehanako eo agnoloa, le hagnirake
anjele hiarake aminao vahohitahy ty lalagnao re, soa hahazahoanao vale ho ahy ty anandahiko eo amy reo
longoko naho bak'amy ty firazagna ty babako. 41 Feie ho afake amy ty fifantako riha laha magnagne amy reo
havako le tsy hagnomey ho anao iareo. Le ho afake amy ty fifantako riha.' 42 Kea le avuy teo amy y vavarano raho
androane,vaho nirehake tihoe: "Yaveh o, Andragnahare ndre Abrahama tompoko, lonike re, laha vatane manao
ze hitahy ty liako vatane Riha- 43 ingo raho, mitsanga eto agnila ty vavarano-lonike ze somondrara miboake
hantsaka rano, ze ampela hitaliliako tihoe: "mba omeo rano kele amy ty vatavonao gea raho soa hinomiko," 44 ze
ampela mitalily amiko tihoe: " Minoma, vaho hangalake rano ho ahy ty ramevanao avao kea raho,"-lonike ho reke
iaze ampela ze nisafilinao, ry Yaveh, ho ahy ty anandahinao, Yaveh, ho ahy ty anandahy ty tompoko.' 45 Laha mbo
tsy nahavita nirehake tao agnarafoko sase raho, le ingo, niboake niarake tamy ty vatavo teo an-tsorone re Rebeka
vaho nandeha nizotso ho eo amy ty vavarano reke le nangalake rano. Le nanao tihoe raho tamine tihoe: ' Mba
omeo rano gea raho.' 46 Najotso malake ty vatavone bak'eo an-tsorone reke vaho nitalily tihoe: 'Minoma vaho
hagnomey rano ho ahy ty ramevanao avao kea raho.' Kea le nino raho, vaho nomeine rano avao kea reo rameva.
47 Nagnontane tamine raho vaho nirehake tihoe: 'Anan'ia moa riha?' Nanao tihoe reke: 'Anak'ampela ndre Betoela,
ana ndre Nahora, ze natera ndre Milka tamine.' Le natoboko teo amy ty orone ty kiviro vaho teo amy ty sandrine
reo ravake. 48 Bak'eo raho nihohoke le niantsa andre Yaveh, iaze Andragnahare ty tompoko, ze nanday ahike tamy
ty lala marine mba hahisake ty anak'ampela ty tompoko ho ahy ty anandahine. 49 Kea amy henanezao, laha
vonogne ty handay ty tompoko amy ty fitokiam-pianakavia naho fahamendreham-pitokia nareo, le ambarao
amiko. Feie laha tsy zane, le talilio ahike, mba hitoliako magnavia na magnavana." 50 Bak'eo Labana naho Betoela
namale le nanao tihoe: "Bak'amy Yaveh zane zaka zane; tsy afake ty hitalily aminao na rate na soa zahay. 51 Ingo,
eo agnoloanao re Rebeka. Ento reke vaho mandena, mba ho vale ty anake ty tomponao, arake ty nitalilie
Yaveh." 52 Lafa nahare ty tsara iareo iaze mpiasa ndre Abrahama, le niankohoke tamy ty tane teo amy Yaveh reke.
53 Nanday karazan-jaka volafote naho karazan-jaka volamena iaze mpiasa, vaho fitafia, le nomeine ho ahy ty
Rebeka reo. Nanolotse fagnomeza lafovily ho ahy ty rahalahine naho ty renine avao kea reke. 54 Bak'eo le nihina
naho nino reke naho reo lehilahy ze niaraka tamine. Nitoetse tao agnate ty halike iareo, vaho lafa nifoha maray,
le hoy reke tihoe: "Alefaso agne amy ty tompoko raho." 55 Nanao ty rahalahine naho ty renine tihoe: "Apoho soa
hitoetse miarake aminay agnate ty andro kelekele ty somondrara, mba folo andro farafahakelene. afara zane le
afake mandeha reke." 56 Te nanao tihoe tamy iareo: " Ka tajahy raho, satria nitahia ty lalako Yaveh. Alefaso amy ty
lalako raho mba hazahoako mandeha agne amy ty tompoko." 57 Nanao tihioe iareo: "HIkaike ty somondrara zahay
vaho hagnontane aze." 58 Kea le nikaike andre Rebeka iareo vaho nagnontane tamine tihoe: " Handeha hiarake
amy io lehilahy io va riha?" Le namale re tihoe: "Handeha raho." 59 Kea le nalefa iareo tamy ty liane niarake tmy ty
mpiasa ndre Abrahama naho reo ndatine re Rebeka anabavine, niarake tamy ty mpiasane vavine. 60 Nitsipi-rano
andre Rebeka iareo, vaho nitalily tamine tihoe: "Anabavy, ho reny ty agn'agnarivone naho agn'aline vatane riha,
vaho tompo ty vavahady reo ze malay aze vatane reo taragnao." 61 Bak'eo nitsanga Rebeka, le niondra ty rameva
reke naho reo mpiasane, vaho nagnarake iaze lehilahy. Kea nandesy iaze mpiasa re Rebeka, vaho roso tamy ty
lalane reke. 62 Vaho nitoboke tagne Negeva Isaka, vaho vao nimpoly bak'agne Bera-lahai-roy. 63 Nandeha niboake
hariva mba hivavake tagne am-baibo Isaka. Lafa niandrandra reke le nahisake, indrigne, nisy rameva tamy!
64 Nijery Rebeka, vaho lafa nahisake andre Isake re, le nitsaboko nizotso bak'eo amy ty rameva. 65 Nanao re tamy
iaze mpiasa tihoe: "Ia igne lehilahy avy hanagnategna antika bak'egne am-baibo igne?" Namale iaze mpiasa tihoe:
"Igne ro tompoko." Kea nalà ndre Rebeka ty voaline, vaho nisarognane ty vatane. 66 Nampimpoly nitantara tamy
Isaka ty zaka iaby nataone iaze mpiasa. 67 Vaho nanday aze tao amy lay ndre Saraha renine re Isaka le nangalake
andre Rebeka, le lasa valine re, vaho teane. Kea nionone Isaka tafara ty fahafatesan-drenine.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 25

[1]Nangalake vale hafa re Abrahama; Ketora ro agnarane. [2]Nisamake andre Zamrana, Joksana, Medana, Midiana,
[3]Jisbaka vaho Soaha reke. Jaksana nisamake andre Sheba naho Dedana. Reo tarana ndre Dedana le ndaty
Asorima, ndaty Letosima, vaho Leomima. [4]Efaha ro anandahy ndre Midiana, Efera, Hanoka, Abida, vaho Eldaha.
Reo iaby reo ro tarana ndre Ketora.[5]Nomey ndre Abrahama andre Isaka ze nanagnane iaby.[6]Te kea, laha mbo velo
re, Le nagnomey fagnomeza ahy reo ana ty valitsindranone vaho nandefa aiereo tagne amy ty tane antignana,
lavitse andre Isaka, anane.[7]Vaho ty andro niagna ndre Abrahama le 175 tao. [8]Niala fiay Abrahama le vilase atitse,
lehilahy raoke ondaty voke andro, vaho le navory ho ahy amy reo ndatine reke.[9]Isaka naho Ismaela, anandahine,
ro andeve aze tao amy iaze lavake vato ndre Makpela, tao amy ty baibo ndre Efrona ana ndre Zohara Hetita, ze
eo agnila ty Mamre. [10]Nivily ndre Abrahama tamy reo anandahy ndre Heta zane baibo zane. Nalevina tagne
niarake tamy ndre Saraha valine re Abrahama. [11]Tao afara ty nahavilasy andre Abrahama, le nitahy andre Isaka
anandahine Andragnahare, vaho Isaka nitoboke nariny andre Bera-lahai-roy.[12]Vaho reto ty tarana ndre Ismaela,
ana ndre Abrahama, ze nisamake andre Agara Egyptiana, mpiasa ndre Sahara, tamy ndre Abrahama.[13]Reto ro
agnara ty ana ndre Ismaela, arake ty filahara ty fahaterahane: Nabaiota-iaze taolagnolo lehilahy ndre Ismaela,
Kedara, adbel, [14]Mibsama, Masmà, Domà, Masa, [15]Hadada, Tema, Jetora, Nafidy, vaho Kedma. [16]Reo iaby ro
anandahy Ismaela, vaho reo ty agnara iareo,arake ty tanàne, naho ty kianja misy aiereo; andrin-dahy folo roa
amby arake ty foko iareo.[17]Ty andro niaigna ndre Ismaela le 137 tao: niala fiay re vaho vilase, vaho le navory ho
agne amy reo ndatine re. [18]Nitoboke tagne Havila le hatragne Sora iareo, ze narinike ahy ndre Egypta, iaze raike
ze nandeha agne Asyria. Niay tamy ty fifankahala aiereo.[19]reto iaby reo zaka niseho nikasike ahy ndre Isaka,
anandahy ndre Abrahama: avy baba ndre Isaka re Abrahama. [20]Efapolo tao Isaka laha nangalake valy andre
Rebeka re, iaze anak'ampela ndre Betoela iaze Syria ndre Padan-arama, iaze rahavave ndre Labana Syriana.
[21]Nivavake tamy Yaveh ho ahy ty valine re Isaka satria miaro re, vaho namale ty vavake nataone Yaveh, le
nibevoka Rebeka. [22]Nialy reo zaza tao an-trone, vaho nitalily re tihoe: " Nanao akore zane ro miseho amiko?" Kea
nandeha nagnontane Yaveh mikasike zane reke.[23]Nitalily tamine Yaveh tihoe: " Firenena roe ro ao an-tronao,
vaho vahoake roe ro ho sarahy bak'ao agnatinao. ty vahoake raike le mafemafe naho iaze hafa, vaho ty raokine le
hanampo ty zaine."[24]Lafa avy ty fotoa hiterahane, le ingo, nisy kamba tao an-trone. [25]Niboake ty ajaja voalohane
vaho le mena vatane manahake ty lamba voloe. Esao ro nikaiha iaereo aze. [26]Tao afara zane, le niboake ty
rahalahine. Nitanjake ty volitombo ndre Esao ty tagnane. Jakoba ro nikaiha aze. Enimpolo tao Isaka laha
nisamake aiereo ty valine.[27]Nitombo reo ajaja, vaho lasa mpihaza mahay Esao, lehilahy raike mpambole; feie
Jakoba le lehilahy tsy bey rehake, ze nandane ty fotoane tao an-day. [28]Vaho le Esao ro tia ndre satria nitava reo
biby ze voahazane reke, te re Jakoba kea ro tea ndre Rebeka.[29]Vaho nahandro hane re Jakoba. Le avy bak'agne
am-baibo Esao, vaho nalemy ty hakere reke. [30]Nanao tihoe Esao tamy ndre Jokoba: " Mamelà ahike hihina amy toy
hane mena toy. Magatake rie te vozake mare raho!" Zane ro antone hitalilia ty agnarane tihoe Edoma.[31]Nitalily re
Jakoba tihoe: " avilio amiko aloha ty haraoke." [32]Vaho nanao tihoe Esao: "Heteo, fa ho mate raho. Ino ty soa azoko
bak'amy ty haraoke?"[33]Vaho nitalily Jakoba tihoe: " Mifanta amiko aloha," le nifanta tamine re Esao vaho tamy
zane le nivarotse ty haraokine tamy ndre Jakoba reke. [34]Nomey ndre Jakoba mofo naho hane vita amy ty
vagnemba re Esao. Nihina naho nino reke, vaho bak'eo le nitsanga le nandeha. Tamy zane fomba zane ro
nanaova ndre Esao Fahatane ty haraokine.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 26

[1]Vaho nisy kere niseho teo amy iaze tane, ankoatse niseho voalohane tamy ty andro Abrahama. Nagnagne amy
ndre Abimeleka, mpanjaka ty Filistina tagne Gerara re Isaka.[2]Vaho niseho tamine Yaveh vaho nitene tihoe: "Ka
mizotso agne Egypta riha; mitoera amy ty tane ze talilieko anao. [3]Mijanòna amy io tane io, hiaro naho hitahy
anao Raho; te ho anao naho ho ahy reo naho taranagnao, ro hagnomeizako reo, vaho ho vitaiko ty fifanta ze
nifanta tamy ndre Abrahama babanao.[4]Ho Hampitomboiko manahake reo vasia ty lagnitse reo taranakao, vaho
homeiko reo taranakao ro hitahia reo firenena iaby etoy an-tane. [5]Ho ataoke zane satria Abrahama le nagnina ty
feoko naho naimby reo toro-lalako, reo liliko, reo fagnambarako, vaho reo lalàko[6]Kea le nagnore tanà tagne
Gerara re Isaka. [7]Lafa nagnontane aze mikasike ty valine reo lehilahy teo an-toera , le nanao tihoe re:
"Rahavaviko reke." Nahotse re hitalily tihoe: "Valiko reke." satria nieretseretse re tihoe: "Hamono ahike reo
lehilahy eto an-toera mba hahazoane andre Rebeka, satria vatane soa tarehe reke." [8]Lafa nitoetse ela tao Isaka, le
nisy fotoa Abimeleka mpanjaka ndre Filistina nivamba teo andafonete. Ingo, vambane re Isaka nanafosafosa
andre valine.[9]Nampikaike andre Isaka re Abimeleka vaho nitsara tihoe: "vamba vatane zao te valinao reke.
Nanao akore riha ro nitsara tihoe: 'Rahavaviko reke'?" Nanao tihoe Isaka tamine: " Satria nandineke raho te ho
vonoa ty ndaty raho soa hazahoane aze." [10]Nanao tihoe Abimaleka: " Te ino zao nataonao anay zao? Mete fa nisy
ndaty raike tamy reo vahoake niarake natore mora avao tamy ty valinao, vaho le nanday fagnameloha eto
aminay riha." [11]Kea le nampitao ty ndaty iaby Abimeleka vaho nitsara tihoe: " Na ia na ia mikasike io lehilahy io
na ty valine le azo antoke te vatane ho vonoa marene."[12]Nambole tahire tamy zane tane zane Isaka vaho
nahavokatse ambone ty zato mihoatse tamy io tao io avao, satria nitahy aze Yaveh. [13]Lasa nanan-kanagna
ralehilahy, vaho nitombo avao zane zisike-nahaavy aze ho mpagnarivom-bey. [14] Nana aondre naho aombe, vaho
hasaveregna lahiale reke. Nialogn'aze reo Filistina.[15]Vaho reo fantsaka iaby ze nihaly reo mpiasa ty babane tamy
ty andro ndre Abrahama babane, le nanjano reo Filistina zane tamy ty fandebefa tane zane. [16]Nanao tihoe
Abimeleka tamy ndre Isaka : "MIndrisoa lavitse anay, satria mafe lavitse noho zahay riha." [17]Kea le niala teo Isaka
vaho nagnoren-tanà tagne an-dahabaibo ndre gerara, vaho nitoboke tagne.[18]Nimpole Isake hinale ndraike reo
vovo, ze fa voahale tamy ty andro ndreAbrahama babane. Ze fa nivonoa reo Filistina tafara ty nahavilasy andre
Abrahama. Reo vov reo le natao ndre Isaka manahake ze nikaiha ty babane aze avao[19]Lafa nihale tegne an-
dohabaibo ty mpiasa ndre Isaka, le nahisake vavarano velo tegne iareo. [20]Nifalo tamy ty mpiarak'aombe ndre
Isaka reo mpiarake aombe tao Gerara, vaho nirehake tihoe: " Anay io rano io." Kea le kinay ndre Isaka tihoe
"Eseka" iaze vovo, satria nifalo tamine iaereo.[21]Vaho le nihale vovo hafa ndraike iareo, vaho mbo nialy iareo avao
kea zane,le kinaikine tihoe "Sitna" zane. [22]Nidriso teo reke vaho mbo nihale vovo hafa, feie tsy mba nialia iareo
zane. vaho le kinaikine tihoe " Rehobota" zane, vaho nano tihoe reke: " Amy henanizao fa nagnamboatse fitoboha
ho antika Yaveh, vaho ho hatine eo amy iaze tane itika."[23]Le niakatse bak'agne Isaka le nagnagne Beri-sheba.
[24]Niseho tamine Yaveh tamy io halike io avao vaho nitsara tihoe: Zaho ro Andragnahare ndre Abrahama babanao.
Ka matahotse, te hiaro naho hitahy anao Raho vaho hampitombo reo taranagnao, noho ty amy ndre Abrahama
mpiasake." [25]Nagnore alitara teo Isaka vaho nikaike ty agnara Yaveh. Teo ro nagnoregnane ty laine, vaho nihale
fantsaka re mpiasane[26]Bak'eo Abimeleka niala tao Gerara ho agne amine, niarake tamy ndre Ahozata, namane,
vaho Pikola lehibey ty maramilane. [27]Nanao tihoe Isaka tamy iaereo: " Nanao akore nareo ro magnatoy amiko,
nefa nalay ahike naho nandroake ahike taminareo nareo.[28]Bak'eo nanao tihoe iareo: "Hisanay soa te fa nitahy
anao Yaveh. Le nanapa-kavetse zahay te tokone hisy fifanta eo amintika, eke, eo aminay naho riha. lonike zahay
hanao titike aminao, [29]te tsy hanao rate anay riha, manahake ty tsy nagnanovanay rate taminao, naho manahake
ty fomba soa nandasanay anao vaho nampandehananay am-pilamina anao. Voatahy Yaveh vatane riha."[30]Vaho le
nanao sakafo bey ho aiereo re Isaka, le nitava naho nino iareo. [31]Nifoha maraindraindraim-bey iareo vaho
nifampititike. bak'eo le nampandehane Isaka iareo, vaho nagnenga aze am-pilamina iareo.[32]Tamy io andro io
avao le namonje reo mpiasane Isaka vaho nitalily tamine mikasike ty vovo ze nihaly iareo. Nanao tihoe iareo: " fa
nahisake rano zahay." [33]Nikinaikine tihoe Sheba iaze vovo, vaho ty agnara zane tanà zane le Beri-sheba zisik'amy
zao.[34]Lafa efapolo tao Esao, le nangalake vale andre Jodita anak'ampela ndre Bery Hetita, naho Basemata
anak'ampela ndre Elona Hetita. [35]Nampanday fijalea ahy ndre Isaka naho Rebeka iareo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 27

[1]Lafa antitse Isake le goa reo fajone kea le tsy nahisake re, vaho nampikaike andre Esao, anane taolagnolo
lehilahy reke, le nitsara tamine tihoe: " Intoy raho." [2]Vaho nanao tihoe reke: "Heno soa, fa antitse raho. Tsy haitso
ty andro hafatesako.[3]Noho zane rambeso reto fitaom-pialianao, ty fitifiranao vaho ty kiditsinao, le mandena agne
am-baibo vaho mihazà bibi-maly ho ahike. [4]Handraho sakafo matsiro, amy iaze vatane teako raho, vaho andeso
amiko zane hazahoako mitava zane naho hagnomezako tsipi-rano anao mialoha ty hafatesako."[5]Vaho heno ndre
Rebeka zane lafa nirehake tamy ndre Esao anandahine re Isaka. Nagnagne am-baibo re Esao soa hihaza bibi-
maly vaho handay zane hole. [6]Niresake tamy ndre Jakoba anane re Rebeka vaho nitsara tihoe: " Njanjigno soa,
henoko ty babanao nirehaker tamy ndre Esao rahalahinao. Nanao tihoe re: [7]'Hagnandeso haza raho vaho
hagnamboaro sakafo matsiro, soa hazahoako mitava zane naho hagnomeizako tsipi-rano anao eo agnatreha
Yaveh mialoha ty hafatesako.'[8]Vaho noho zane, anaka, le ekeo ty tsarako arake ze handiliako anao. [9]Mandehana
magnagny amy ty aondre amy ty ose, le angalao anak'ose roe soa raho; le hanao mahatanjake matsiro amy reo ho
ahy ty babanao raho, manahake ty teane. [10]Vaho ho andesenao magnagne amy ty babanao zane, soa hazahoane
mitava zane le hagnomeizane tsi-pirano anao mialoha ty hafatesane."[11]Nitsara tamy ndre Rebeka renine re
Jakoba tihoe: "Vanbao, Esao rahalahiko le lehilahy voloe, te raho kea le lehilahy malama hoditse. Mete hikasike
ahike ty babako, le ho haine te mamitake aze raho. [12]Handay ozo amy ty vatako raho te tsy tsi-pirano."[13]Nanao
tihoe ty reine tamine: "Anake, aleo ty babanao hagnozo ahike. Araho avao ty tsarako, le mandena, andeso atoy
amiko reo." [14]Kea nandeha nangalake reo anak'ose re Jakoba vaho nanday reo tagne amy ty renine, le nanao
mahatanjake matsiro ty renine, arake ty hitiava ty babane aze.[15]Nala ndre Rebeka ty fisikina soa laote andre Esao,
anane taolagno lehilahy, ze niarake tamine tao agna-jomba, vaho nampisikinane andre Jakoba, iaze anane
faralahy. [16]Napone tegne amy ty tagnane naho ty faritse malama egne amy ty vozone ty angozy reo anak'ose.
[17]Napone tegne an-tagna ndre Jakoba anane iaze mahatanjake matsiro naho ty mofo ze fa nikarakaraine.
[18]Nagnagne amy ty babane re Jakoba le nanao tihoe: " Babako o!"Nanao tihoe reke: "Intoy rah; ia moa riha,
anaka?" [19]Nanao tihoe Jakoba tamy ty babane: " Esao iaze taolagnolonao; fa vitako ze nangatahinao nataoko.
Miabesara vaho mitava ty hazako, soa hitsimpazanao rano ahike."[20]Nanao tihoe Isaka tamy ty anandahine:
"Nanao akore ro nataonao nahisahanao zane tao agnate fotoa fohe anake?" Nanao tihoe reke: " Satria Yaveh
Andragnaharenao ro nanday zane tamiko.[21]Le nanao tihoe Isaka tamy ndre Jakoba: "Misara eto agnilako, soa
hazahoako mikasike anao, anako, le hahiza laha vatane Esao anako marene riha na tsie."[22]Namonje andre Isaka
babane re Jakoba; vaho nikasike aze Isaka le nanao tihoe: "Iaze feo le ty feo ndre Jakoba, te reo tagnane kea le
andre Esao." [23]Tsy nahay aze Isaka, satria voloe ty tagnane, manahake ty tagna ndre Esao rahalahine, le nitsi-
pirano aze Isaka.[24]Nanao tihoe re: "Vatane Esao anako vatane marina va riha?" Namale re tihoe: " Raho vatane."
[25]Nanao tihoe Isaka: "Aroso amiko eto ty mahatajake te hotavako ty hazanao, mba hazahoako mitsi-pirano anao."
Nandese ndre Jakoba tegne amine ty sakafo. Le nitava Isaka, vahho nandesa ndre Jakoba divay re, le nino.
[26]Bak'eo le nanao tihoe Isaka babane tamine: "Misira marine ahike zao vaho orofo raho, anake." [27]Namonje re
Jakoba le nagnoroke aze, vaho nagnimbo ty imbo reo akanjone reke le nitsi-pirano aze. Nanao tihoe re: " Ingo, ty
imbo ty anako le manahake ty imbo ty baibo ze nitahy Yaveh.[28]Andragnahare vatane hagnomey anao anjara amy
ty ando ty lagnitse, anjara amy ty tsiro ty tane, vaho voa naho divay vaovao maro.[29]Hiasa anao vatane reo ndaty
vaho hihohoke eo agnatrehanao reo firenena. Ho tompogn'reo rahalahinao riha, vaho hihohoke eo agnatrehanao
vatane reo ana ty reninao. Ho voahozo vatane reo iaby nagnozo anao; vaho ho tahie vatane reo iaby mitsi-
piranno anao."[30]Vantane vo baka nitsi-pirano andre Jakoba re Isaka, vaho niboake tamy ty tohatse niala teo amy
ty fagnatreha ty babane re Jakoba, vaho nimpoly baka nihaza re Esao rahalahine. [31]Nanao sakafo matsiro avao
kea re vaho nanday zane tagne amy ty babane. Nanao tihoe reo tamy babane: "Baba o,mifohaza vaho mitava amy
reto haza ty ananao reto, mba hazohoanao mitsi-pirano ahike."[32]Nanao tihoe Isaka babane tamine: " Te ia riha?"
Nanao tihoe re: "Anakao raho, ananao taolagnolo, Esao." [33]Nititike mafe Isaka le nitsara tihoe: "Te ia ro nihaza ty
ose vaho nanday zane tamiko? Nitavaiko iaby zane taloha ty niavianao, vaho fa nitsi-pirano aze raho. Le ho tahie
vatane re."[34]Lafa nahaheno reo tsara ty babane re Esao, le nitomagne mafe, vaho nitsara tamy ty babane tihoe:
"Tsipazo rano avao kea raho, babako." [35]Nanao tihoe Isaka: " Ty rahalahinao ro faniavy tetoa namitaky ahike vaho
nangalake ty tsipi-ranonao."[36]Nanao tihoe Esao: " Tsy re va iaze kinaikinao tihoe Jakoba? Te reke le fanamitake
ahike indroe. Fa nalane ty maha-taolagnolo ahike, vaho zao le mbo nalane avao kea ty tsi-pirano tokone ho
ahike." Bak'eo re nanao tihoe: "Tsy misy tsi-pirano fa voatakanao ho ahike va?" [37]Namale Isaka vaho nitsara tamy
ndre Esao tihoe: "Ingo fa vitasoro ho tomponareo re vaho fa nomeoko ho mpanompone reo rahalahine, vaho fa
nomeko aze ty voa naho divay vaovao. Ino ro mbo afake ataoko ho anao, anaka?"[38]Nanao tihoe Esao tamy
babane: Tsy mba mana tsipi-rano na raike ho ahike va riha, babako? Tsipazo rano avao kea raho, babako."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Nitagne mafe Esao.[39]Namale Isaka babane vaho nitsara tamine tihoe: "Ingo, ty toera ze misy anao le ho lavitsy ty tane soa, lavitsy ty ando ty lagnitse ambone. [40]Amy ty alala ty mesonao rohivelomanao, vaho hanompo ty rahalahinao riha. Te laha milietse riha, le hagalake ty vatanao amy ty fitondrane."[41]Nalay andre Jakoba re Esao noho ty tsipi-rano ze nomey ty babane aze. Nirehake tao agnarofone Esao tihoe: " Marine reo andro fisaogna ty babako; afara zay le ho vonoako Jakoba rahalahiko." [42]Reo tsara ndre Esao anane taolagnolo le nitaliliene tagne amy ndre Rebeka. Kea nandefa vaho nampikaike andre Jakoba anane faralahy re vaho nitsara tamine tihoe: "Ingo, Esao rahalahinao le mampiognone ty vatane amy ty safiry hamono anao.[43]Vaho noho zane, anake, araho ty tsarako vaho milaisa agne amy ndre Labana anadahiko, ao Harana. [44]Mijanogna miarake amine fotoa fohike, zisike hihena ty helo ty rahalahinao, [45]zisike maha ahafake ty helo ty rahalahinao aminao, le hagnalignosane ze nataonao tamine. Bak'eo le hampangalake anao agne raho. Ataoko akore ro hamoy anareo roe agnate ty andro raike?[46]Nanao tihoe Rebeka tamy Isaka: Meloke mafe raho noho reo anak'ampela ndre Hitita. Laha mangalake vale amy treo anak'ampela Hetita re Jakoba, manahake regne ampela mitoboko amy io tane io regne, le ino ro soa ho ahike amy ty fiaignako?"

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 28

[1]Vaho Isaka nikaike andre Jakoba, nitsipi-rano aze, Vaho nandily aze tihoe: "Tsy mahazo mangalake valy amy reo
ampela Kananita riha. [2]Mitsangàna, le mandena agne Padana-Arama, ho agne amy tarana ndre Betoela baba ty
reninao, le mangalà valy agne, raike amy reo anak'ampela ndre Labana, rahalahin-dreninao.[3]Andragnahare
Tsitoha vatane hitahy anao, Hampamokatse anao vaho hahalahialy anao, soa hahaavy anao ho firenena maro.
[4]Homeine anao vatane ty tsipi-rano ndre Abrahama, ho anao, naho ahy reo taranake misolo anao, soa
handovanao ty tane ze itobohanao, ze nomein'Andragnahare anre Abrahama."[5]Vaho Isaka nampandeha andre
Jakoba. Nagnagny Padana-Arama re Jakoba, ho agne amy ndre Ndre Labana ana ndre Betoela Syriana, rahalahy
ndre Rebeka, rene ndre Jakoba naho Esao.[6]Vaho hisa ndre Esao te nitsipaza ndre Isaka rano Jakoba vaho
nompiline tagne Padana-Arama, sao hangalake vale bak'agne. Nahisake avao kea re te nitsipi-rano naho
nagnomey baiko aze re Isaka, nanao tihoe: " Tsy mahazo mangalake vale amy reo ampela bak'agne Kanàna riha."
[7]Hisa ndre Esao avao kea te nagnina ty babane naho renine Jakoba, vaho nandeha tagne Padan-Arama.[8]Vaho hisa
ndre Esao te tsy tea reo ampela bak'agne Kanà re Isaka babane. [9]Kea ankoatse reo vale ze fa nanagnane, le lasa re
nagnagny amy ndre Ismaela, vaho nangalake andre Mahalota, anak'ampela ndre Ismaela, ana ndre Abrahama,
rahavavy ndre Nebaiota soa ho valine.[10]Niala tao Beri-sheba re Jakoba nagnagny Harana.[11]Vaho avy teo amy ty
toera raike re le nijano teo tagnate ty halike iaby, satria fa noly ty masoandro. Nangalake raike tamy reo vato teo
amy zane toera zane re, nametrake zane tao ambane lohane, le nitsilagne teo amy iaze toera mba hatore.
[12]Nagnofe re le nahisake tohatse niore tamy ty tane. Nidofotse tamy ty lagnitse ty legnone vaho niakatse naho
nizotso tamy zane reo anjelin'Andragnahare. [13]Ingo, Yaveh nitsanga teo amboe zane vaho nitsara tihoe: Raho
Yaveh, Andragnahare ndre Abrahama babanao, naho Andragnahare ndre Isaka. Ty tane ze handreanao io, le
Himeiko anao naho ty taranagnao.[14]Hanahake ty leboke amy ty tane ty taragnao, vaho hiele lavitse hatragne
andrefa, le hatragne atignana, hatragne avaratse, vaho hatragne atimo riha. Amy ty alalagnao naho amy ty
alalagn'reo taranagnao ro hitahia reo longo etoy an-tane iaby. [15]Ingo, miaro anao Raho, vaho hiaro anao na aia na
aia handenanao. Handay anao amy toy tane toy ndraike Raho; te tsy hagnega anao Raho. Ho anoeko iaby ze iaby
nampagnantegnaiko anao."[16]Nifoha Tamy ty torimasone Jakoba, le nanao tihoe reke: " Azo antoke vatane te eto
amy toy toera toy Yaveh, te raho ro tsy nahay." [17]Natahotse re le nitsara tihoe: "Vatane mampatahotse toy toera
toy! Tsy ino akore te ajomban'Andragnahare toy. toy ro vavahade ty lagnitse."[18]Nifoha maraindray Jakoba le
nangalake iaze vato ze napone tao ambane lohane. Nataone ho tsangam-bato zane nagnilignane menake teo
ambonine zane. [19]Vaho le kinaine tihoe Betela ty agnara zane toera zane, te Lozy ro agnara iaze tanà tagne amy ty
nanombohane[20]Vaho nanao sareke Jakoba, nitsara tihoe: "Laha hitahy naho hiharo ahike amy toy lala ze
andenako toy Andragnahare le hagnomey ahike hoahane, naho akanjo hisikina, [21]soa hazahoako mimpole soa tsy
magnahy agne ajomba ty babako, le Yaveh ro ho Andragnahareko. [22]Vaho lasa vato mase toy vato ze naoreko ho
tsangam-bato toy. Amy ze iaby omeinao ahike, le ho hampoliko aminao vatane ty ampahafolone.

## Chapter 29

[1]Le nanohy ty liane ndraike Jakoba le avy teo amy ty vahoake tatignana. [2]LAha nivamba reke, le nahisake
fantsaka teo amy ty baibo, vaho, Ingo nisy fizara aondre miarake amy ty ose telo nandre teo agnila zane. te teo
ambalike zane fantsaka zane ro nampinome reo ty ondre amy ty osene, vaho ey ty vato teo amy ty vava iaze
fantsaka. [3]kea lafa tafavore eo reo ondre amy ty ose iaby, le arose mpiarake ondre ty vato eo amy vava ty
fantsakale hampinomine ty ondre, vaho bak'eo sarogna eo amy ty vava ty fantsaka ndraike ty vato, ho eo amy ty
fitoerane[4]Nanao tihoe jakoba tamy iareo: "Rahalahiko,bak'aia moa nareo?" Iareo namale tihoe: " Bak'agne Harana
zahay." [5]Nanao tihoe re tamy iareo: "Hainareo va Labana ana ndre Nahora?" Nanao tihoe iareo: "Hainai re."
[6]Nanao tihoe re tamy iareo: " Salama va reke?" Nanao thoe iareo: "salama reke, vaho, ingo, Rahely anak'ampelane
bakao miarake amy ty ondre."[7]Nanao tihoe Jakoba: "Ingo, te vakimira ty andro. Mbo tsy fotoa famoria ty ondre
amy ty ose zao. Tokone hagnomey rano ty ondre nareo le andeha vaho hagnega reo hiarake egne." [8]Nanao tihoe
iareo: "Tsy afake magnomey rano zahay laha tsy fa tafavory iaby reo ondre amy ty ose iaby. Bak'eo reo lehilahy
hanosike iaze vato eo amy ty vava ty fantsaka, le hampinominay rano ty ondre."[9]Laha mbo niresake tamy iareo
Jakoba, le ingo Rahely bakagne niarake tamy reo ondre ty babane, satria niamby reo reke. [10]Lafa hisa ndre Jakoba
ty Rahely, anak'ampela ndre Labana, rahalahin-drenine, naho ondre Ndre Labana, rahalahin-drenine, le
namonje Jakoba, nandrose ty vato teo amy ty vava ty fantsaka, le le nampino rano ty ondre amy ty ose ndre
Labana anandahin-drenine.[11]Nagnoroke andre Rahely re Jakoba vaho nitagne mafe. [12]Nambara ndre Jakoba
tamin-dRahely te longon-darine reke, Vaho reke ro ananmdahy ndre Rebeka. Le nilay ty Rahely le nitalily tamin-
draine.[13]Lafa heno ndre Labana ty vaovao mikasike andre Jakoba ana ty rahavavine, le nialy nanalaka aze re, le
nandrakoke aze, nagnoroke aze, vaho nanday aze tagne agnajombane. Natalily ndre Jakoba tamy ndre Labana
zane zka iaby zane. [14]Le nanao tihoe Labana tamine: "Taolako naho nofoko vatane riha." Le nitoboke tokone ho
vola raike teo amine Jakoba.[15]Nanao tihoe ndraike Labana tamy ndre Jakoba: "Tokone hiasa ahike avao va riha
satria longoko? Talilio amiko otrino ty karamanao?" [16]vaho nana anak'ampela roe Labana. Lea ro agnara ty
raokine, Rahely kea ro agnara ty zaine. [17]Lea le malemy fijere, te Rahely kea le soa vata ro mbo soa tarehe.
[18]Jakoba le tea an-dRahely, le nanao tihoe re: " Hiasa anao fito tao raho hazahoako an-dRahely, ananao
faravave."[19]Nanao tihoe Labana: "Soa loatse laha homeiko anao reke, manahake ae homeiko lehilahy hafa.
Mijànogna miarake amiko."[20]Kea le niasa fito tao Jakoba mba hazahoane an-dRahely; vaho manahake ty andro
kele ho aze avao zane, noho ty fiteane aze.[21]Le nanao tihoe Jakoba tamy ndre Labana: " Omeo ahike ty valiko, te fa
feno ty fe-potoa-mba hanambaliako aze!" [22]Le navore ndre Labana ty ndaty iaby tao an-toera vaho nanao havoria.
[23]Lafa hariva, le nala ndre Labana re Lea anak'ampelane le nandesine teo amy ndre Jakoba, niarake nandre
tamine. [24]Nagnomey andre Zilpa mpiasane ampelane andre Lea anak'ampelane, soa soa ho mpiasane re Labana.
[25]Lafa maraindray, le ingo, te Lea ro teo! Nanao tihoe Jakoba tamy ndre Labana: " Ino zao nataonao tamiko zao?
Tsy niasa ho anao va raho soa hazahoako an-dRahely? Nanao akore le namitake ahike riha?"[26]Nanao tihoe
Labana: "Tsy fombanay ty magnomey ty zaine ampela aloha ty raokine. [27]Vitao volantantele toy anak'ampela toy,
le homeinay anao kea ty raike soa hanompoanao ahike fito tao ndraike."[28]Le natao ndre Jakoba zane, le nivitaine
ty heregnandro ndre Lea. Le nomey ndre Labana aze kea Rahely anak'ampelane soa ho valine. [29]Le nomey ndre
Labana an-dRahely anak'ampelane ke re Bila, soa ho mpiasane. [30]Le nandre niarake tamin-dRahely kea Jakoba, te
teane mihoatse noho re Lea Rahely. Le niasa ahy ndre Labana fitp tao ndraike Jakoba.[31]Vamba Yaveh te tsy mba
nitiave Lea, le nampanagn'anake aze Reke, te Rahely kea le tsy nisamake. [32]Le nibevoka re Lea vao nisamake
anandahy re, le nataone tihoe Robena ty agnarane. Te nanao tihoe reke: "Satria fa nitsinjo ty Fijaleako Yaveh; le
ho tea ty valiko raho zao."[33]Le nibevoka ndraike reke le nisamake anandahy. Nanao tihoe re: "Satria fe heno
Yaveh te tsy mba teane raho, le zane ro nagnomeizane ahike avao kea toy ajaja toy," vaho ty agnarane nataone
tihoe Simeona. [34]Le nibevoka ndraike reke le nisamake anandahy. Nanao tihoe re: "Amy henanezao kea le hipitike
amiko ty valiko, satria fa nisamake anandahy telo ho aze raho." Zane ro nagnanovane ty agnarane tihoe Levy.[35]Le
nibevoka ndraike reke l nisamake anandahy. Nanao tihoe re: "Amy henanezao le hiantsa ahy Yaveh raho." Zane
ro nagnanovane ty agnarane tihoe Joda; le nandrotse reke.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 30

[1]Lafa hisa ndre Rahely te tsy nagnomey anake andre Jakoba re, le nialogne rahavavine Rahely. Nirehake tamy
ndre Jakoba re tihoe: "Omeo anake raho, laha tsy zane le ho mate raho." [2]Nirehitse tamy ndre Rahely ty helo ndre
Jakoba. Nanao tihoe re: "Nao raho ro eo amy ty toeran'Andragnahare, ze nitajake anao tsy hanan-
gnanake?"[3]Nanao tihoe re: "Ingo, toy ty mpiasako Bila. Mandrea miarake amine, mba hazahoane misamake kolo
ho eo amn-tratrako, le hanagnako anake bak'amine." [4]Nomeine aze ho valine re Bila mpiasane ampelane, vaho
Jakoba nandre niarake tamine.[5]Nibevoka vaho nisamake anandahy ho ahy ndre Jakoba Bila. [6]Le nanao tihoe
Rahely: "Nitsara tamy ty fiteako Andragnahare. Niheno ty vavako nataoko Re vaho nagnomey anandahy ahike."
Noho zane antone zane ro niantsoane ty agnarane tihoe Dana.[7]Bila, mpiasa ndre Rahely, nibevoka ndraike vaho
nisamake anandahy faharoe ho ahy ndre Jakoba. [8]Nanao tihoe Rahely : "Tamy ty aly mafy ro nialiako tamy ty
rahahvaviko vaho nandreseko." Kinaine tihoe Naftaly ty agnarane.[9]Lafa hisa ndre Lea te nijano tsy nanan-
gnanake reke, le nalane Zilpa mpiasane ampelane, vaho nomeine ho vale ndre Jakoba re. [10]Zilpa, Mpiasane ndre
Lea, le nisamake anandahy ho ahy ndre Jakoba. [11]Nanao tihoe Lea: "Andro toy!" Le kinaikine tihoe Gada ty
agnarane.[12]Bak'eo Zilpa, Mpiasa ndre Lea, nisamake anandahy faharoe ho ahy ndre Jakoba. [13]Nanao tihoe Lea: "
Vototse raho! Te reo hikaike ahike tihoe vototse." Le kinaikine tihoe Asera ty agnarane.[14]Nandeha tamy ty andro
ty famokaram-bare Robena vaho nahisake dodaima tao am-baibo. Nandesy tagne amy ndre Lea tihoe: "Omeo
sasane amy reo dodaima ty anandahinao raho." [15]Nanao tihoe Lea tamine: " Porobolemo kele aminao va , ty
nangalanao ty valiko? Te hangalake ty dodaima ty anandahiko avao kea riha zao?" Nanao tihoe Rahely:" Le
hiarake handre aminao re hariva, ho sologn'reo dodaima ty anandahinao."[16]Bak'agne am-baibo Jakoba ty hariva.
Niboake Lea mba hihaone tamine vaho nitsara tihoe: "Tsy maintse miarake-mandre amiko riha rahalina, te
nifondroike tamy reo dadaimy ty anandahinako riha. Le niarake nandre tamy ndre Jakoba Lea ty haliko.
[17]Ninjanje andre Lea Andragnahare, le nibevoka naho nisamake anandahy fahadimy ho ahy ndre Jakoba reke.
[18]Nanao tihoe Lea: " Nomein'Andragnahare ahike ty karamako, satria nagnomey ty mpiasa ampelako ho ahy ty
valiko raho." Kinaikine tihoe Isakara ty agnarane.[19]Nibevoka ndrake Lea vaho nisamake anandahy faha-ene ho
ahy ndre Jakoba. [20]Nanao thoe Lea: "Nomein'Andragnahare fagnomeza soa raho. Zao le hagnomey hase ahike ty
valiko, satria nisamake ananndahy ene ho aze raho." Kinaikine tihoe Zebolona ty Agnarane. [21]Lafa afake zane le
nisamake anak'ampela reke vaho kinaikine tihoe Dina ty agnarane.[22]Nahatiaro ahy re Rahely Andragnahare vaho
niheno aze. Nampanagn'anake re Reke. [23]Nibevoka vaho niterake andahy reke. Nanao tihoe re:
"Nafahan'Andragnahare ty hegnatsiko." [24]Kinaikene tihoe Josefa ty agnarane, vaho nanao tihoe: " Nagnampe
anandahy raike hafa ho ahike Yaveh."[25]Tao afara ty nisamaha ndre Rahely ahy ndre Josefa, le nitsara tamy ndre
Labana Jakoba tihoe: "Ampndenao raho, soa hazahoako mandeha magnagne amy ty ajombako naho agne amy ty
tanàko. [26]Omeo ahike reo valiko naho reo anako ze ho aze reo ro niasako anao`[27]Nanao tihoe Labana tamine:
"Laha mahisake fitea eo amasonao raho amy henanezao, le ambeno, satria haintso tamy ty fampiasa sikily te
nitahy ahike noho riha Yaveh. [28]Le nanao tihoe: " Rehafo tihoe otrino ty karamanao, le ho aloako reo."[29]Jakoba
nitsara tamine tihoe: " Hainao ty fombaa niasako anao, naho ty fomba nitomboa ty biby fiharenao niarake
tamiko. [30]Te kele ro nanagnanao taloha ty niviako, vaho nitombo maro lavitse zane. Nitahy anao Yaveh na taia na
taia niasako. Vaho ombia raho ro hihare ho ahhy ty tokantragnoko kea?"[31]Le nanao tihoe Labana: "Ino ro ho
aloako aminao?" Nanao tihoe: " Tsy hagnomey ahike na ino na ino riha. Laha hanao zao raraha zao ho ahike riha,
le ho hamaha ndraike ty biby fiharenao vaho hiambe zane raho. [32]Ampoho raho hamakivake ty biby fiharenao
iaby androane, hangalake ty ondre misy teboteboke naho sada iaby amy zane, vaho ty sada naho misy
teboteboke eo amy reo ose. zane ro ho karamako.[33]Ty tsy fivalihako ro ho vavolombelo ho ahike agne afara, lafa
avy hivamba hijere reo karamako riha. Ty iaby ze tsy misy teboteboke naho sade eo amy reo ose, vaho tsy mainte
eo amy ty ondre, laha misy hisake atoy amiko, le ho atao manahake ty nangalare." [34]Nanao tihoe Labana: "Ekey
Lonike ho arake ty tsaranao zane."[35]Tamy io andro io Labana le nangalake reo ose lahy ze sadika naho sada, naho
reo ose vave iaby ze misy teboteboke naho sade, ty iaby ze nisy foty tamine vaho reo mainte iaby teo amy reo
ondre, le nagnomey reo ho eo an-tagna reo anandahine. [36]Nagnisy lala telo lera teo agnelagnelane naho Jakoba
avao kea Labana. Noho zane le nijano niamby ty amy reo biby fihare ndre Labana re Jakoba.[37]Nangalake tapake
raven-ketae popola maitso Jakoba, naho tamy ty hazo amygdala naho hazo planata, vaho nafaone ty foty tamy
reo, vaho nanao ze nampiseho ty aty foty ty hetae ze tao amy reo tapa-ketae. [38] Le nametrake reo tapa-ketae reo
tapa-ketae ze nivolosane teo agnoloa reo biby fihare, teo agnoloa reo tavy finoma rano ze nandehana reo hino
reke. Nanagn'anake reo lafa avy nino.[39]Niterake teo agnoloa reo tapa-ketae reo biby fihare; vaho reo biby fihare
niterake sadika, sada, vaho misy teboteboke. [40]Nisarahine ndre Jakoba reo anak'ondre reo, te nanao ty ambine
reo nifanatrike tamy reo biby sadika naho ty ondre eo mainte iaby tao amy ty biby fihare ndre Labana. Le


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nisarahine ho aze arere ty biby fiharene le tsy naharone niarake tamy reo biby fihare ndre Labana.[41]Na ombia na ombia niteraha ty ondre matanjake tao amy ty bibby fihare, le nampandre ndre Jakoba teo amy ty tavy finoma teo agnoloa ty naso reo biby fihare reo tapa-ketae, soa hazahoa iareo miterake eo amy reo tapa-ketae. [42]Te lafa avy reo biby marere tamy reo biby fihare, le tsy nametrake reo tapa-ketae teo agnoloa reo reke, Kea ahy ndre Labana reo biby marere, vaho ahy ndre Jakoba ty mahere.[43]Lasa mpagnarivo bey ralehilahy. Nana biby fihare bey re, mpiasa ampela naho mpiasa lihilahy, vaho rameva naho ampondra.

## Chapter 31

[1]Vaho Jakoba naheno reo rehake ty anandahy ndre Labana, ze nanao tihoe: "Nala ndre Jakoba iaby ze rehetra ahy
ty babantika, vaho baka tamy ty fanagna ty babantika ro nahazahoane ty fanagnane iaby." [2]Hisa ndre Jakoba
tegne amy ty endreke ty tarehe ndre Labana. Hisane te niova ty fihetsikeine tamine. [3]Bak'eo Yaveh nitsara tamy
ndre Jakoba tihoe: "Mimpolia agne amy ty tane reo razagnao naho reo longonao, vaho hiaro anao Raho."[4]Vaho re
Jakoba nagnirake naho nikaike ahy ndre Rahely naho Lea ho agne am-baibo agne amy reo ondre amy ty osene
[5]vaho nitsara tamy iareo tihoe: "Hisako niova ty fihetsike ty babanareo tamiko, feie niarake tamiko ty
Andragnahare ty babako. [6]Hainareo te tamy ty hereko iaby ro niasako ty babanareo.[7]Fa namitake ahike ty
babanareo vaho nagnova ty karamako impolo, feie tsy napon'Andragnahare handratse ahike re. [8]Laha nitsara re
tihoe: "Reo biby sada iaby ro ho karamanao," le niterake mara ty ondre amy ty ose iaby. Laha nitalily re tihoe: "Ty
sadika iany ro ho karamanao," le niterake sadika iaby ty ondre amy ty ose iaby. [9]Tamy zane fomba zane ro
nangalan'Andranagnahare ty biby fihare ty babanao vaho nagnomezane zane ho ahike.[10]Vaho tamy ty andro ty
fahataira le iraisa, le hisako tao amy ty nofy reo ose lahy ze miarake amy reo ondre amy ty ose. Reo ose lahy le
sadika, mara vaho sada. [11]Ty anjelin'Andranagnahare nitsara tamiko tao agnate nofe tihoe: 'Ry Jakoba.' Le nanao
tihoe raho: ' Intoy Raho.'[12]Nanao tihoe re: "Atsipazo ty masonao vaho heteo reo ose lahy iaby ze miarake amy reo
ondre amy ty ose. Sadika naho mara, vaho sada reo satria hisako ty raraha atao ndre Labana aminao. [13]Raho ro
Andragnahare ndre Betela, ze nagnosoranao tsangam-bato, naho nagnanovanao sareke tamiko. Amy henanezao
mitsangàna le mialà amy toy tane toy vaho mimpolia agne amy ty tane niterahako."[14]Namale aze re Rahely naho
Lea le nanao tihoe tamine: "Mbo misy anjara naho lova ho anay va ao amy ty anjomba ty babanay? [15]Tsy nataone
manahke ty fandesa vahine va zahay? te naviline zahay, vaho kea tsy nasiane dikane vatane ty rehagnay reke.
[16]Te ty hanagna iaby ze nalan'Andragnahare tamy ty babanay. Kea amy hennanezao, na ino na ino
nitalilin'Andragnahare taminao le ataovo zane."[17]Bak'eo le nitsanga Jakoba vaho nametrake reo anandahine naho
ty valine teo ambone rameva. [18]Nandesine iaby ty biby fiharene iaby, niarake tamy reo fanagnane iaby, agnisane
zane ty biby fihare ze azone tagne Padana-arama. Bak'eo le nandeha mba hangnagne amy ndre Isaka babane
agne amy ty tane kanana re.[19]Laha nandeha hivamba ty aondrine re Labana, le nangalary ndRahely ty sampy ty
raine. [20]Re Jakoba avao kea le namitake ahy ndre Labana iaze Syriana, tamy ty tsy firehafa aze te handeha re. [21]Le
nikinaine niarake tamy zay iaby nanagnane re vaho nandeha agne amy ty tane havo ahy ndre Gileada.[22]Tamy ty
andro faha-telo le nitalily tamy ndre Labana te nilay re Jakoba. [23]Noho zane le nalane reo longone vaho
nagnarake aze agnate ty lala fitoandro. Tratsine teo amy ty tanà ndre gileada re.[24]Vaho Andragnahare avy tamy ty
Labana iaze Syriana tamy ty nofy lafa halike le nanao tamine tihoe: "Mitandrema soa tsy hanao rehake soa na
rate ahy ndre Jakoba iriha." [25]Tratse ndre Labana re Jokba. Vaho Jakoba nagnory ty laine teo amy iaze tane havoa.
Le nagnory lay teo amy iaze tane havoa ahy ndre Gileada avao kea re Labana niarake tamy reo longone.[26]Nanao
tihoe Labana tamy ndre Jakoba: "Ino ro nataonao, ro namitake ahike iriha le nanday reo anak'ampelako
manahake ty rese agn'aly? [27]Nanao akore iriha ro nilay naho namitake ahike te tsy nitsara tamiko? Afake nandefa
anao tamy ty fankalaza naho hira raho, niarake tamy ty longoro tapake naho lokanga. [28]Tsy navelanao hagnoroke
hanao veloma reo zafiko naho reo anak'ampelako raho. Vaho adala zao nanoenao zao.[29]Mana here handratsy
anareo raho, feie ty andragnahare ty babanreo nnitsara tamiko tamy ty halike tihoe: "Mitandrema tsy hasianao
rehake akore Jakoba na soa na rate.' [30]Amy henazao lasa iriha satria many ty himpoly agne an-tragno ty raenareo.
Feie nanao akore ro nangalarinao reo andragnahareko?"[31]Namale jakoba le nanao tamy ndre Labana tihoe:
"Satria natahotse raho vaho nieritseretse te ho halanao amiko an-kere reo anak'ampelanao ro nahaavy ahike
hilay mangingike. [32]Na ia na ia nangalatse ty andragnaharenao le ho mate re. Eo agnatreha reo longontika, le
haizo zay iaby etoy amiko le anareo le alao zane." Satria tsy hay ndre Jokaba te Rahely ro nangalatse zane.[33]vaho
Labana nandeha agne amy ty lay ndre jakoba, tagne amy ty lay ndre Lea, vaho tagne amy ty lainy reo ampela
mpiasa roe, feie tsy nahisake aiereo re. Niboake tao amy ty lay ndre Lea re vaho nizilike tao amy ty lay ndRahely.
[34]Vaho fa nala ndRahely reo sampy le nataone tao ampo ty lasely ty rameva, le nitoboke teo ambony zane re.
Nipay feno ty lay ndre Labana feie tsy mahisake reo. [35]Nanao tihoe Rahely tamy ty raene: Ko meloke, tompoko, te
tsy afake mitsanga eo agnoloanao raho, satria tonga fotoa raho." Le nipay re te tsy nahisake reo sampine.
[36]Nasiake jakoba le nifamale tamy ndre Labana. Nanao tihoe re tamine: "Ino ro fandikan-dily nataoko? Ino ro
fahotako, ro nagnia ahike tamy ty hafana arafo iriha? [37]Te nisavanao iab ty fanagnako iaby. vaho ino tamy reo
iaby zakasoa ty asaveregnanao ro hisanao? Apoho eto agnoloa reo longontika zane, soa hazahoa iareo mitsara eo
amintika roe.[38]Te niarake taminao avao raho agnate ty roapolo tao. Reo aondre vavenao naho ty aose vavenao tsy
nivotontse, vaho tsy nitava ty aondre lahy bak'amy reo aondre raho. [39]Tsy nandesiko teo aminao zay voarasarasa
reo bibily. Te kea, iraho ro niaritse ty fahavereza zane. Ataonao magnavake ty biby vere iaby avao raho, na ty

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nangalare atoandro na ty nangalare. 40Tagne raho; ty atoandro le namofoke ahike ty hafana, vaho ty halike le
namele ahike ando; vaho tsy natore.41Nitoboke tao agn'ajombanao raho agnate zay roapolo tao zay. Niasa ho anao
agnate ty folo efats'ambe tao raho soa hahazahoako reo anak'ampelanao roe vaho enen-tao ho ahy reo aondre
amy ty aosenao. Niovanao impolo ty karamako. 42Laha tsy niarake amiko ty Andragnahare ty rakeo, iaze
Andragnahare ndre Abrahama, vaho iaze hatahora Isaka, le ho nalefanao nandeha tagnam-polo vatae raho. Hisa
ty Andragnahare ty fijaleako naho ty fiasako mafe, le nitsara mafe anao Re tamy ty halike."43Namale Labana le
nirehake tamy ndre Jakoba tihoe: "Reo ajajampela reo le anak'ampelako, zafikeleko, vaho aondre amy ty aoseko
reo aondre amy ty aose. Ze hisanao iaby le ahike iaby. Amy henane zao kea ino ro afake ataoko ho ahy reo
anak'ampelako, na ho ahy reo ajaja naterane? 44Kea amy henane zao, ndao tika hanao fagnakea, le iraho naho
iriha, vaho lonike zane ho vavolombelo amiko naho aminao."45Noho zane le nangalake vato Jakoba vaho
nampitsanga zane ho tsangam-bato. 46Nanao tihoe Jakoba tamy reo longne: "Mamonoria vato." Le nangalake ty
vato iareo vaho nanao kobognane. Bak'eo iareo nitava teo amy iaze kobognam-bato iareo. 47Kinay ndre Labana
tihoe Jegara-sahadota zane, te Jakoba nikaike zane tihoe Galeda.48Nanao tihoe Labana: "toy kobognam-bato toy ro
vavolombelo amintika androane." Noho zane ty agnarane le kinay tihoe Galeda. 49Kinayike avao kea tihoe Mizpa
zane, satria nanao tihoe Labana: "Yaveh hivamba ahike ahike naho iriha, lafa tsy mifankahisake itika. 50Laha
ampijalinao reo anak'ampelako, na manambale hafa ankoatsy reo anak'ampelako iriha, na le tsy misy ndaty hafa
kea eto amintika, le ingo Andragnahare ro vavolombelo eo amiko naho aminao."51Nanao tihoe Labana tamy ndre
Jakoba: "Jereo toy kobognam-bato toy, vaho heteo ty tsagam-bato, zay naoriko eto agnelagnelantika.
52Vavolombelo toy kobognam-bato, soa tsy hihoarako toy kobognam-bato toy mandeha agne aminao, naho tsy
hihoaranao toy kobognam-btao naho tsangam-bato toy mandeha atoy amiko, hanao rate. 53Iaze Andragnahare
ndre Abrahama, naho iaze andragnahare ndre Nahora, vaho reo andragnahare ty baba iareo hitsara antika."
Nifanta tamy Iaze Tahotsy Isaka raene re Jakoba.54Nagnome soro tagne am-bohitse re Jakoba vaho nikaike reo
longone hitava. Nitava iareo vaho nijano tegne am-bohitse ty halike iaby. 55Vao mazava antignana le nifoha re
Labana, nagnoroke reo zafikeline naho reo anak'ampelane vaho nitsi-pirano aiereo. bak'eo le niala teo vaho
nimpoly nandeha agne agn'ajombane Labana.

## Chapter 32

[1]Nandeha tamy ty lalany avao kea Jakoba, vaho nifanonjo tamine tyanjely ty Andragnahare. [2]Lafa nahisake aiereo
jakoba, le nanao tihoe re: "Toy ro kianja ty Andragnahare," le mahamaine ro nikaihane zane toera zane.[3]nandefa
mpanday hafatse niolo aze Jakoba ho agne amy ndre Esao rahalahine agne amy ty tane ty Seira, agne amy ty
faritse ndre Edoma. [4]Nibaiko aiereo re, nitsara tihoe: "Zao ro ho talilinareo amy ndre Esao tompoko: Zao ro
voatalily ndre Jakoba mpiasanao tihoe: 'Fa nitoboke niarake tamy ndre Labana raho, vaho nagnemotse ty foliako
hatramy zao. [5]Mana aombe, borike, aondre miarake amy ty aose, vaho mpiasa lehilahy naho ampela raho.
Nandefa toy hafatse toy tagne amy ty tompoko raho, soa hahazaoko fitea eo amasonao.'"[6]Nimpoly tagne amy ndre
Jakoba reo mpanday hafatse vaho nitsara tihoe: "Nandeha tagne amy ndre Esao rahalahinao zahay. Ho avy
hihaona aminao re, aho efajato lahy ro hiarake amine." [7]Vaho natahotse mafe naho nagnorohoro jakoba. Le
nizarane reo vahoake niarake tamine soa ho antoko roe, vaho reo aondre miarake amy aose, aombe, rameva.
[8]Nanao tihoe re: "Laha avy amy ty antoko raike Esao le manafike zane le ho afake lomay ty antoko raike
ambine."[9]Nanao tihoe: "Ty Andragnahare ndre Abrahama raeko, naho Andragnahare Isaka raeko, Yaveh, ze
nitsara tamiko tihoe: 'Molia agne amy ty tanenao naho ty longonao, vaho Iraho hagnamby anao,' [10]tsy maeva reo
asa ty fagneke azo antoke naho fahamendreham-pitokisa iaby zay nataoanao ho ahy ty mpiasanao raho. Te ty
fitogno ro mba nandesiko nitsake toy jordana toy, vaho amy henazao fa lasa antoko roe raho.[11]Vonjeo amy ty
tagna ty rahalahiko, ty tagna ndre Esao raho, te matahotse aze raho, Sao ho avy re hanafike ahike naho ty rene
miarake ty ajaja. [12]nefa Iriha nitsara tihoe: 'Ho ambiniko vatane iriha. Hataoko hanahake ty fasiky ty Ranomasy ty
taranagnao, zay tsy ho vatsy isafe.'"[13]Nitoetse teo Jakoba tamy igne halike igne. Nangalake ty sasane tamy zen
nanagnane niarake tamine re soa ho fagnomeza ho ahy ndre Esao rahalahine: [14]aose vave roanjato vaho aose
lahy roapolo, aondre vave roanjato naho aondre lahy roapolo, [15]rameva bey ronono telopolo vaho reo ana-borike
iareo, aombe vave efapolo naho aombe vave efepolo vaho aombe lahy folo, ampondra vave roapolo vaho
ampondra lahy folo. [16]Nomeine reo soa ho eo an-tagna ty piasane, ty fizarane kiraikiraike iaby. Nitsara tamy ty
mpiasane re tihoe: "Mandena eo aoloko vaho asio elagnela sake ty fizara ty biby."[17]Nagnome toromarike ty mpisa
voalohane re, nitsara tihoe: "Lafa mifanena aminareo Esao rahalahiko le magnontane anareo, manao tihoe:
'Ndatin'ia nareo? Ho aia nareo?' [18]Le hireheke nanreo tihoe: 'ahy ndre Jakoba mpiasanao reo. Reo le fagnomeza
nalefa ho ahy ndre Esao tompoko. Ingo, bak'ao afaranay avao kea re.'"[19]Nagnome toromarike ty antoko faharoe,
ty fahatelo vaho ty lehilahy iby zay nagnarake reo fizara ty biby avao kea re Jakoba. Nanao tihoe re: "HItalily zaka
mitovy amy ndre Esao nareo lafa mifanojike amine. [20]Tsy maintse mirehake avao kea nareo tihoe: 'Jakoba
mpiasanao le baka afaranay ao.'" Te nisafire tihoe re: "Hampilame aze amy ty fagnomeza ze aleko eo aoloko raho.
vaho bak'eo, lafa hisako re, le vasa mete handay ahike re." [21]Kea nalefa niaolo aze reo fagnomeza. Reke vatane
nijona tao an-kianja ini halike igne.[22]Nifoaha Jakoba agnate ty halike, vaho nagalake valine roe, ty anak'ampelane
roe, vaho ty anandahine folo raeke ambe tao. nalefane tagne andafy ty fità ndre Jakoba iareo. [23]Tamy io ro
nampitsne aiereo tagne andafy ty rano mandeha niarake tamy reo fanagnane iaby.[24]Tavela raike jakoba, vaho
nisy lehilahy raike nialy taimne mandra-paray ty andro. [25]Lafa hisa iaze lehilahy te tsy haharese aze re, le
nifofone ty foto-pey ndre Jakoba. Nipitsoke ty fotopey ndre jakoba laha niala tamine re. [26]NIrehake iaze lehilahy
tihoe: "Aleo handeha raho, te fa hazava ty agnana." Vaho Jakoba nirehake tihoe: "Tsy hapipoke anao handeha
raho laha tsy mitsi-pirano ahike iriha."[27]Le nanao tihoe iaze lehilahy tamine: Ia ro agnaranao? "Jakoba namale
tihoe: "Jakoba." [28]Nanao tihoe iaze lehilahy tihoe: "Ty agnaranao le tsy ho Jakoba sase, te Israely. Satria iriha nialy
tamy ty Andragnahare naho tamy ty vahoake vaho fa naharesy."[29]Nagnontane aze Jakoba tihoe: "Talilio ahike
tompoko ty agnaranao." Nanao tihoe re: "Nanao iriha ro magnontane ty agnarako?" bak'eo nitsi-pirano aze teo re.
[30]Jakoba nikaike ty agnara iaze toera tihoe Peniela satria nanao tihoe re: "Fa nifagnatrike vata tamy ty
Andragnahare raho, vaho avotse ty fiaiko."[31]Nivaky ty masoande laha nandalo ahy ndre Peniela re Jakoba.
Nikotretse re noho ty foto-peine. [32]Zane ro antone tsy nihinana ty vahoake ty Israely ny hozatsy ty foto-pey zay eo
amy ty fitohiza ty fe zisike amy henane zao, satria nandratse reo hozatsy reo iaze lehilahy laha nitoboke ty foto-
pey ndre Jakoba.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 33

[1]Nivamba ambone jakoba vaho, ingo Esao namonje, vaho nisy lehilahy efajato niarake tamine. Nizara ndre
Jakoba tamy ndre Lea, Rahely, vaho reo mpiasa ampela reo ajaja. [2]Bak'eo le napone tegne aloha reo ampela
mpiasa naho ty anagn'iareo, narahy ndre lea naho reo anane, vaho narahy ndRahely naho Josefa ty farane loatse.
[3]Reke avao ro nadeha niaolo aiereo. Nihohoke impito teo amy ty tane re, mandra-piaviane teoagnila ty
rahalahine.[4]Nilailay soa hanalaka aze Esao, nandrakoke aze, nitanjake ty tendane vaho nagnoroke aze. Bak'eo le
nitomagny iareo. [5]Lafa nivamba ambone Esao, le nahisake reo ajaja amin'ampela re. Nanao tihoe re: "Ia reo ndaty
miarake aminao reo?" Nanao tihoe Jakoba: "Reo ro anjaja zay nomey ty Andragnahare tamy ty fahasoava ho ahy
ty mpiasanao."[6]Bak'eo nandeha tegne aloha iaze ampela mpiasa niarake tamy reo anane, vaho nihohoke iareo.
[7]Bak'eo le namonje tegne aloha avao kea Lea naho reo anane vaho nihohoke. Vaho farane Josefa naho Rahely
namonje tegne vaho nihohoke. [8]Nanao tihoe Esao: "Ino ro anto ty nandefasana rey fizarana iaby nifanala tamiko
rey?" Nanao tihoe Jakoba: "Soa hahazoa sitrake eo amy ty fanjo ty tompoko."[9]Nanao tihoe Esao: "fa mana ty ampe
raho, rahalahiko. Tano ho ahy ty vatanao zay anagnanao." [10]Nanao tihoe Jakoba: "Aha, mangatake ragnandria,
laha fa nahisake fitea eo amy ty fanjonao raho, le ekeo ty fagnomeza bak'amiko, zay eo an-tagnako, eka vatane, fa
nahisake ty tarehinao raho, vaho manahake ty mahisake ty tarehy ty Andragnahare zane, vaho le nirambesinao
raho. [11]Soa rambeso ragnandria ty fagnomeza zay nandese ho anao, satria fa nagnome fahasoava ahike
Andragnahare, vaho satria fa mana ty ampe raho." Le manahake zane ro nandrisiha ndre Jakoba aze, vaho neke
ndre Esao zane.[12]Vaho nanao tihoe Esao: "Ndao tika hiala. Handeha eo aolonareo raho." [13]Nanao tihoe Jakoba
tamine: "Ty tompoko le mahay te mboe kele reto ajaja, vaho mboe miteza ty anane reo aondre naho amobe. Laha
andesy mafe na ndraik'anddro avao kea iareo, le ho maty iaby reo biby iaby. [14]Apoho ragnandria ty tompoko
handeha hiaolo ty mpanompone. Handeha moramora avao raho, arake ty famindra reo biby fihare zay eo
alohako, vaho arake ty lia reto ajaja, mandra-piaviako agne amy ty tompoko age Seira."[15]Nanao tihoe Esao: "Apoko
hajanoko aminao ty sasane amy reo lehilahy miarake amiko." Te nanao tihoe Jakoba: "Nanao akore ro manao
zane? Fa ampe ty hasoam-pagnahy ty tompko tamiko." [16]Kea le nanomboke ty liane himpoly ho agne Seira re Esao
tamy io andro io. [17]nandeha tagne Sokota re Jakoba, namboatse tragno ho aze, vaho nanao fitsoloha ho ahy reo
biby fiharene, Noho zane le kinaike tihoe Sokota io toera io.[18]Lafa bak'agne Padana-Arama re Jakoba, le avy soa
tao amy ty tanà ndre Sekema, zay tao amy ty tane kanana. Nagnianja teo agnila ty tanà re. [19]Bak'eo re nivily ty
ampahan-tane zay nagnoregnane ty laine tamy ty ana ndre Hamora, rae ndre Sekema, tamy ty volafoty malinike
zato. [20]Teo ro nagnoregnane alitara vaho kinaine tihoe El-Elohe Israely zane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 34

[1]Vaho Dina, anak'ampela ndre Lea tamy ndre Jakoba, nandeha soa hihaona amy reo anak'ampela iaze faritse. [2]Sekema anandahy ndre Hamora Hivita, iaze mpanjaka ty tane, ahisake aze le nangalake an-kozatse aze, naho nisere aze vaho niarake nandre tamine. [3]Nanito aze vatane re Dina, iaze anak'ampela ndre Jakoba. Tea ahy iaze ajaj'ampela re vaho nirehake tam-pitiava tamine.[4]Nirehake tamy ndre Hamora babane re Sekema, nanao tihoe: "Alao soa ho valiko io somondra io."[5] Vaho Jakoba naheno te fa nandoto ahy ndre Dina iaze anak'ampela re. Tagne am-baibo niarake tamy reo biby fihare reo anandahine noho zane le nits ty fahanginane mandra-piavia iareo re Jokoba.[6]Nandeha agne amy ndre Jakoba soa hiresake amine re Hamora baba ndre Sekema. [7]Avy bak'agne am-baibo reo anandahy ndre Jakoba laha naheno ty porobolemo. Nalahelo vatane reo lehilahy reo. Nasiake mafe iareo satria nanalatse ahy ty Israely re tamy ty fanaovane an-kerene ty anak'ampela ndre Jakoba, te zane karazan-draharaha zane le tsy tokone natao.[8]Nirehake tamy iare re Hamora, nanao tihoe: "Sekema anandahiko le tea ty anak'ampelanao. Le mba omeo ho valine ragnandria reke. [9]Mifanambalia aminay, omeo anay ty anak'ampelao, vaho alao ho anareo ty anak'ampelanay. [10]Hiarake hitoboke aminay nareo, vaho ty tane hisokatse ho anareo soa hitoera naho hanaova varotse, vaho ho lasa fanagna."[11]Nanao tihoe Sekema tamy ty raene naho reo rahalahine: "Lonike hahisake fitea eo amy ty fanjonareo raho, vaho na ino na ino talilinareo ahike le homeiko. [12]Angataho amiko na sarotse kea ty vily ty vale naho ty fagnomeza arake ze teanareo, vaho homeiko anareo na ino na ino tsarainareo amiko, te omeo ho valiko iaze somondrara. [13]Namale am-pitake ahy ndre Sekema naho Hamora raene reo anandahy ndre Jakoba, satria nandoto ahy ndre Dina rahavivy iareo re Sekema.[14]Nanao tihoe iareo: "Tsy afake manao zane raraha zane zahay, hagnome ty rahavavinay ho ahy ty ndaty tsy mitapake; te ho fahasalara ho anay zane. [15]Amy zao fepetra zao avao ro hagninay anareo: laha mitaoake iaby ty lehilahy iaby eo aminao. [16]Le homeinay anareo iay reo anak'ampelany vaho ho alanay ho anay reo anak'ampelanareo, le hiarake hibotoke tika le ho lasa vahoake raeke. [17]Te laha tsy minjanjy anay nareo le tsy mitapake, le ho andasinay ty rahavavinay vaho handreha zahay."[18]Nahafale ahy ndre Hamora naho reo Sekema anane ty tsara iareo. [19]Te iaze tovolahy le tsy nalaondao nanao ze nitalily iareo, satria finaritse tamy ty anank'ampela ndre Jakoba re, vaho satria re ro ndaty homeim-boninahitse loatse ao amy ty asaveregna ty raene iaby.[20]Nandeha agne amy ty vavahady ty tanà iareo re Hamora naho Sekema vaho nirehake tamy reo ndaty ty tanà, nanao tihoe: [21]"Milongo amintika reo ndaty reo, apoho iareo honigne amy ty tane naho hanao varotse eo amy zane, satria, vatane, malalake ampe ho aiereo ty tane. Hangalake ty anak'ampela iareo ho valy tika, vaho hagnome aiereo ty anak'ampelantika.[22]Amy toy fepetsy toka toy avao ro hagniny reo ndaty hiarake hitoboke amintika naho hanjare vahoake raike: laha mitapaky iaby ty lehilahy iaby eo amintika, manahake ty maha-voasavatse aiereo. [23]Tsy ho lasantika iaby vao ty biby fihare naho ty fanagna iareo__vaho ty biby iaby? Kea lonike hagnina aiereo tika, le hitoboke eo amintika iareo."[24]Niheno ahy ndre Hamora naho Sekema, iaze anandahine iaby ty ndaty iaby tao an-tanà. Nisavare iaby ty lehilahy iaby. [25]Tamy ty andro fahatelo, laha mboe tao ampo ty fanaitaigna iareo, ty roe tamy ty anandahy ndre Jakoba (Semeona naho Levy, rahalahy ndre Dina), le sambe nandrambe ty mesone vaho nanafike ty tanà zay azo antoke ty fiarova aze, iareo, le namono ty lehilahy iaby. [26]Nivonoa iareo tamy ty lela-meso bey iareo re Hamora naho Sekema anane. Nala iareo tao an-tragno ndre Sekema re Dina vaho lasa iareo. [27]Nandeha eo amy reo fate reo anandahy ndre Jakoba hafa vaho nandrava ty tanà, satria fa nandato ty rahavavy iareo ty ndaty. [28]Nala iareo ty aondre miarake amy ty aosy iareo, ty aomby iareo, ty boriky iareo, vaho ty zaka iaby tao amy ty tanà naho ze nagnodidy ty baibo [29]niarake tamy ty fanagna iareo iaby. Ty anake naho valy iareo iaby. le nisambory iareo. Nala iareo hatramy ty zaka iaby ze tao an-tragno.[30]Nanao tihoe Jakoba tamy ndre Simeona naho Levy: "Nanday porobolemo ho ahike nareo, nahamaimbo ahike teo amy reo vahoake ty tane, reo Kananita naho reo Perizita. Kele agn'isake raho. Laha-mivory hanohitse ahike naho hamofoke ahike iareo, le ho rese raho, iraho naho ty asaveregnako." [31]Te Simeona naho Levy nanao tihoe: "Tokone handay ty rahavinany manahake ty ampela mpandrato vao re Sekema?"



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 35

[1]Nanao tihoe ty Andragnanahre tamy ndre Jakoba: "Mitsangàna, mandehana miakatse agne Betela vaho
mitoboha agne. Magnamoboara alitara agne ho ahy ty Andragnahare, zay niseho taminao laha iriha nilay ahy
ndre Esao rahalahinao." [2]Vaho Jakoba nitsara tamy ty asaveragnane naho reo iaby niarake tamine tihoe: "Apoho
reo andragnahre hafa zay eo aminareo, liovy ty vatanareo, vaho solo ty fisikinanareo. [3]Ndao tika handeha ho
agne Betela. Hagnamboantse, zay namonje ahike tamy ty andro fijaleako, naho niarake tamiko avao na taia na
taia nandenako."[4]Le nomey iareo ahy ndre jakoba reo andragnahare hafa iaby zay tegne an-tagnane, naho reo
kiviro tegne an-tsofy iareo. Nalevy Jakoba tao ambany ty hetae teribina zay agnaila ndre Sikema reo. [5]Laha
nandeha iareo, le napipoha ty Andragnahare horohoro teo amy reo tanà magnodidy aiereo, le tsy nagnia reo
anandahy ndre Jakoba reo ndaty reo.[6]Avy tao Lozy re Jakoba (zay ao Betela avao), zay ao amy ty tane Kanana,
reke naho reo ndaty iaby zay niarake tamine. [7]nampitsanaga alitara tao vaho kinaikine tihoe El-betela zane toera
zane, satria tao Andragnahare ro nagnambara ty Vatane tamine, laha nilay ty rahalahine re. [8]Vaho mate re
Debora,mpiteza ahy ndre Rebeka. Nalevy tao ambanembane ty Betela tao ambane iaze hetae terebinta re, kea le
kinaine zane tihoe Alona-bakota.[9]Lafa nimpoly ba'agne Paadan-Arama re Jakoba, le niseho tamine ndraike
Andragnahare vaho nitsi-pirano aze. [10]Nanao tihoe ty Andragnahare tmine: "Jakoba ro agnaranao, nefa tsy kaihy
tihoe Jakoba sase iriha. Te atao tihoe Israely." Le kinay ty Andragnahare tihoe Israely ty agnarane.[11]Nanao tihoe
Andragnahare tamine: "Iraho ro Andragnahare Tsitoha. Miteraha maro vaho mihamaroa. Hisy firenena naho ty
fikambanam-pirenena hiboake bak'aminao, vaho mpanjaka ro ho eo amy reo taranagnao. [12]Iaze tane ze nomeiko
ahy ndre Abrahama naho Isaka, le homeiko anao. Ho ahy reo taranagnao zay mandimby anao le homeiko ahy
iaze tane avao kea. [13]Le niakatse le niala teo amine, te o amy iaze toera zay nirehafane tamine Andragnahare.
[14]Nagnory tsangam-batao teo amy iaze toera nirehafa ty Andragnahare tamine re Jakoba, tsangam-bato vita tamy
ty vato. Nangnily fagnatitse inome naho nangnily menake teo ammy zane re. [15]Kinay ndre Jakoba tihoe Betela
iaze toera zay nirehafane tyy Andragnahare tamine.[16]Niala tao Betela iareo. Laha mboe lavidavitse ahy ndre
Efratà iareo, le nandrorotsy Rahely. saro-piteraha re. [17]Laha tao agnate ty fangirifiria ty fahasarotam-piteraha re,
le nitalily tamine iaze mpampivelo tihoe: "Ko matahotse, te zao le hahazo ajajalahy raike hafa iriha." [18]Vaho laha
teoa am-piala fiay, tamy ty fara-fofonaine ro nikaihane aze tihoe Benone re, feie ty raene nikaike aze tihoe
Benjamina. [19]Maty Rahely vaho nalevy tegne amy ty lala mandeha agne Efratà (zay atao tihoe Betlehema).
Nanangam-bato teo ambony ty valavato ndre Jakoba. zane ro famantara ty [20]valavato ndRahely zisik'amy zao.
[21]Nanohy ty liane Israely vaho nampitsanga ty laine tao ambalike ty tilikambo fiambena reo aondre miarake amy
ty aose. [22]Laha nitoboke tao amy zane tane zane Israely, le niara-nandre tamy ndre Bila zay valitsindrano ty rane
re Robena, le heno re Iasraely zane. Vaho nanagn'anandahy folo roa ambe re Jakoba.[23]Reo anandahy bak'amy
ndre Lea le Robena, iaze taolagnolo ndre Jakoba, naho Simeona, Levi, Joda, Isakara, vaho Zebolona. [24]Reo
anandahy bak'amy ndRahely le Josefa naho Bejamina. [25]Reo anandahy bak'amy ndre Bila, zay ampela mpiasa
ndRahely, le Dana naho Naftaly.[26]Reo anandahy bak'amy ndre Zilpa' ampela mpiasa ndre Lea, Gada naho Asera.
Reo iaby reo ro anandahy ndre Jakoba zay nasamane tagne Padana-Arama. [27]Jakoba avy agne amy ndre Isaka,
raene, tagne Mamre agne Kiriat-Arba (na hebròna avao kea), toera zay nitobohana re Abrahama naho Isaka.
[28]Niay valopolo qamby zato tao Isaka. Niala fiay re Isaka le vilasy vaho navory ho agne amy reo razambeine,
raoky ndaty voky andro re. [29]Esao naho Jakoba, vaho reo anandahine, ro nandeve aze.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 36

[1]Reto ty tarana ndre Esao (zay kinaine avao kea tihoe: Edoma). [2]Bak'amy reo Kananita re Esao ro nangalake reo
valine. reto iaby re valine: Ada iaze anak'ampela ndre elona iaze Hetita; Oholibana iaze anak'ampela ndre Ana,
iaze zafikely ndre Zibona iaze Hivita; [3]vaho basemata, anak'ampela ndre Ismaela, rahavavy ndre Nebaiota.
[4]Nisamake ahy ndre Elifaza tamy ndre Esao re Ada vaho Basemata nisamake ahy ndre Regoela. [5]Oholibama
nisamake ahy Jeosy, Jalama, vaho Kora. Reo ro anake nasama ndre Esao zay terake ho aze tagne amy ty tane
Kanàna.[6]Nala ndre Esao reo valine, reo anandahine, reo anak'ampelane, naho reo mpikamba iaby ao amy ty
asaveregnane, reo biby fiharine__reo bibine iaby, naho reo fagnane iaby, zay navorine tagne amy ty tane Kanana,
le lasa nandeha agne amy ty tane zay lavitse ahy ndre Jakoba rahalahine. [7]Nanao zane re satria maro loatse reo
fanagna iareo laha hiara-honigne. Ty tane zay fa nagnoregna iareo fonena le tsy nahazaka aiereo noho reo biby
fihare iareo. [8]Noho zane Esao, zay hay avao kea amy ty tihoe Edoma, le nonogne tagne am-bohitse ndre Seira.
[9]Iareo ro tarana ndre Esao, iaze razambey ty Edomita tagne am-bohitse ndre Seira. [10]Reto ty agnara reo anandahy
ndre Esao: Elifaza ana ndre Ada, iaze valy ndre Esao, Regoela ana ndre Basemata, iaze valy ndre Esao. [11]Temana,
Omara, Zefo, Gatama, vaho Kenaza ro anandahy ndre Elifaza. [12]Timna, valitsindrano ndre Elifaza, anandahy ndre
Esao, niteraka ahy ndre Amaleka. Reo ro zafikely ndre Ada, valy ndre Esao.[13]
[14]Retoa ro ana ndre Oholibama, valyndre Esao, zay anak'ampela ndre Ana naho zafikely ndre Zibona. Reke le
nisamake ahy ndre Jeosy, Jalama, vaho Kora tamy ndre Esao.[15]Reto ty foko teo amy ty tarana ndre Esao: reo
tarana ndre Elifaza, iaze taolagnolo ndre Esao: Temana, Omara, Zefo, Kenaza, [16]Kora, Gatama, vaho Amaleka. Reo
ro foko zay bak'amy ty tarana ndre Elifaza tagne amy ty tane ndre Edoma. Iareo ro zafikele ndre Ada.[17]Reto ty
foko bak'amy ndre Regoela, anandahy ndre Esao: Nahata, Zera, Sama, Miza. Reo ro foko bak'amy ty tarana ndre
Regoela tagne amy ty tane Edoma. Reo ro zafikely ndre Basemata, valy ndre Esao. [18]Reto ty foko ndre Oholibama,
valy ndre Esao: Jeosy, Jalama, Kora. Reo ro foko bak'amy tarana ndre Oholibama valy ndre Esao, anak'ampela
ndre Anà. [19]Reo ro anandahy ndre Esao, vaho reo ro foko iareo.[20]Reto ty anandahy ndre Seira iaze Horita, reo
vahoake ty tane: Lotana, Sobala, Zibona, Ana, [21]Disona, Ezara, vaho disana. Reo ro foko ty Horita, reo vahoake
ndre Seira tagne amy ty tane Edoma. [22]Hory naho Hemana ro ana ndre Lotana, vaho Timna ro rahavavy ndre
Lotana.[23]Reto ro anandahy ndre Sobala: Alvana, Manahata, Ebala, Sefo, vaho Onama. [24]Reto ro anandahy ndre
Zibona: Aia naho Ana. Ana ro nahisake iaze loharano mafana tagne an-tane tsy misy raraha niandre reo borike
ndre Zibona raene re.[25]Reto ty ana ndre Ana: Disona naho Oholibama, iaze anak'ampela ndre Ana. [26]Reto ty
anandahy ndre Disona: Hemdana, Esbana, Jitrna, vaho Kerana. [27]Reto ty anandahy ndre Ezera: Bilana, Zavana,
vaho Akana. [28]Reto ty anandahy ndre Disana: Oza naho Arana.[29]Retoa ty foko reo Horita: Lotana, Sobala, Zibona,
vaho Ana, [30]Disona, Ezera, Disàna: retoa ty foko ndre Horita, arake ty foko iareo nisafe tagne amy ty tane Seira.
[31]Retoa ty mpanjaka zay nanjaka tagne amy ty tane Edoma taolo zay mpanjaka nanjaka teo amy reo Israelita:
[32]Bela anandahy ndre Beora, nanjaka ahy ndre Edoma, vaho Dinaba ro agnara ty tanànane. [33]Lafa vialsy Bela, le
nanjaka teo amy ty toerane re Jobaba anandahy ndre Zera, bak'agne Bozra.[34]Lafa maty Jobaba, le nisolo ty
toerane re Hosama zay bak'amy ty tane reo Temanita. [35]Lafa vilasy Hosama, nisolo ty toerane re Hadada
anandahy ndre Bedada iaze nandrese ahy reo Midianita tane amy ty tane Moaba. Avita ro agnara iaze tanànane.
[36]Lafa vilasy Hadada, le nisolo ty toerane re Samla bak'agne Masreka.[37]Lafa vilasy Samla, le nisolo ty toerane re
Saoly bak'agne Rehobota zay eo agnila ty sihanake. [38]Lafa vilasy Saoly, le nisolo ty toerane re Bala-hanana iaze
anandahy ndre Akbora. [39]Laha vilasy bala-hanana iaze anandahy ndre Akbora, le nisolo ty toerane re Hadara.
Pao ro agnanara iaze tanànane. Ty agnara ty valine le Mehetabela, iaze anak'ampela ndre Matreda, zay zafikele
ndre Me-zahaba.[40]Reto ro agnara reo lehibey reo foko bak'amy ty tarana ndre Esao, arake reo foko naho ty faritse
iareo, tamy ty agnara iareo: Timna, Alva, Jeteta, [41]Oholibama, Elaha, Pinona, [42]Kenaza, Temana, Mibzara,
[43]magdiela, Irama. Reo ro lehibey ty foko ndre Edoma, arake reo fitobohane agne amay ty tane ze nanagna iare0.
Esao zane, iaze rae ty Edomita.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 37

[1]Nitoboke tagnen amy iaze tane ze nitoerane ty raene re Jakoba, tao amy ty tane Kanana. [2]Zao ty niseho mikasike
ahy ndre Jakoba. Josefa, zay mpamarake folo fito ambe tao, le niamby reo aondre miarake amy ty aose niarake
tamy rei rahalahine. Reke le niarake tamy reo anandahy ndre Bila naho reo anandahy ndre Zilpa, reo valy ty
raene. Nanao tatitse rate mikasike aiereo tamy ty raene re Josefa.[3]Vaho le tea ndre Israely mihoatse noho reo
anandahine hafa re Josefa noho re anake ty fahantatsine. Nanjairane akanjo soa tarehe re. [4]Hisany reo
rahalahine te tea ty raene mihoatse noho reo rahalahine iaby re. Nalay aze iareo vaho tsy nirehake am-piteava
tamine.[5]Nahazo nofy re Josefa, vaho nitantaraene tamy reo rahalahine zane. Vao maeke nalay aze iareo. [6]Nanao
tihoe iareo: "Tsanogno zao nofiko ze ninofisiko zao.[7]Ingo, nandrohy amboaram-bare tagne am-baibo tika vaho
ingo, niare ty amboarako le tafatsanga soa, vaho ingo, nilahatse nagnodidy ty ahike reo amboaranareo vaho
nihohoke teo agnatreha ty amboarako." [8]Nanao tihoe reo rahalahine tamine: "Le hanjaka aminay vatane vao
riha? Hanapake anay vatane vao riha?" Vo maike iareo nalay aze noho reo nofine naho reo rehane.[9]Le mboe
nagnonofy hafa ndraike re le nataliline tamy reo rahalahine. Nanao tihoe re: "Mboe nahazo nofy hafa ndraike
raho: Niankohoke teo agnatrehako ty masoandro naho ty vola vaho ty vasia folo raike ambe." [10]Nitantaraine
tamin-draene zane manahake ty nataone tamy reo rahalahine, le nirehafin-draene mafe re. Nanao tihoe re
tamine: "Ino zane azonao nofy zane? Le hiankohoke amy ty tane eo agnatrehanao vatan vao raho naho ty
renenao vaho reo rahalahinao?" [11]Nialogna aiereo rahalahine, te ty raene kea nitadidy zane raraha zane tao an-
tsaine.[12]Nandeha niambe reo aondre miarake amy aosen-draene tagne Sekema reo rahalhine. [13]Nanaho tihoe
Israely tamy ndre Josefa: "Nao tsy lasa niarake reo aondre miarake amy ty aose agne Sekema vao reo
rahalahinao? Avia, te hirahiko ho agne amy iareo iriha." Nanao tihoe Josefa tamine: "Vonogne raho." [14]Nanao
tihoe re tamine: "Mandena, ndena vambao laha salama reo rahalahinao naho reo aondre miarake amy ty aose,
vaho talilio atoy amiko." Vaho le naboaky ndre Jakoba nihoatse ty vavabaibo ndre Hebrona re, vaho Josefa
nandeha agne Sekema.[15]Vaho nisy lehilahy raeke nahisake ahy ndre Josefa. Ingo, re Josefa nirere tegne am-baibo.
Nagnontane aze iaze lehilahy tihoe: "Ino ro mpiavinao?" [16]Nanao tihoe Josefa: "Mipay reo rahalahiko raho.
Mangatake, mba talilio ahike ragnandria, aia iareo ro miarake reo aondre miarake ty aose." [17]Nanao tihoe iaze
lehilahy tihoe: "Fa niala toy toera toy iareo, vaho henoko iareo nirehake tihoe: 'Ndao tika ho agne Dotana.'"
Nagnarake ty lia reo rahalahine re Josefa le nahisake aiereo tagne Dotana.[18]hisa iareo baka lavitse re, vaho taloha
ty niaviane teo agnila iareo, le nanao tetike hamonoa aze iareo. [19]Nifampirezake reo rahalahine tihoe: "Jereo tamy
iaze mpagnonofy. [20]Avia amy henane zao, ndao ho vonoantika re le hataoratika ao amy raeke amy reo lavake. Ho
talilintika tihoe: 'Nakapa ty bibily reke.' Le ho hisantika eo ze hiarany reo nofine."[21]Naheno zane Robena le
namonje aze teo am-pelan-tagna iareo. Nanao tihoe re: "Aleo tsy afantika ty fiaine." [22]Nanao tihoe re: "Ko
mapipoke ty lio. Atoraho agne amy ty lavake zay agne amy ty tane tsy misy raraha re, ko mikasi-tagna aze"__soa
hazahoane magnavotse aze eo an-tagna iareo le handay aze mimpoly agne amy ty raene.[23]Vaho lafa avy teo amy
reo rahalahine Josefa, le nafaha iareo tamine iaze akanjo soa tarehe. [24]Nirambesy iareo re vaho natorane tao
ampo lavake. Maike iaze lavake vaho tsy nisy rano tao ampone.[25]Nitoboke iareo hihina mofo. nampiandra ty
masone iareo le nagnete, ndrey, nisy Ismaelita niarake lia bak'agne Gileada, niarake tamy ty rameva iareo zay
nanday hagnitse, naho balsama vaho miora. Nandeha iareo soa handay zane hizotso ho agne Egypta. [26]Nanao
tihoe Joda tamy reo rahalahine: "Ino ro tombotsoa ho azontika laha mamono ty rahalahintika naho mamone ty
lione tika?[27]Ndao, vaho lonike havilintika amy reo Ismaelita re vaho lonike tsy hisy hikasi-tagna aze tika. Ninjanjy
aze reo rahalahine. [28]Nandalo reo Midianita mpivorotse mandeha. Nisintony reorahalahine vaho nankarine
bak'ao an-davake re Josefa. Navily iareo farantsa volafoty roapolo tamy reo Ismaelita re Josefa. Le nandesy rei
Ismaelita tagne Egypta re Josefa.[29]Nimpoly teo amy iaze lavake robena vaho, ingo, tsy tao ampo lavake re Josefa.
Nitatahine ty fisikinane. [30]Nimpoly tagne amy reo rahalahine re vaho nirehake tihoe: "Tsy ao iaze ajajalahy! Aia
ro tane handenako?"[31]Namono aose raike iareo vaho nangalake ty akanj0o ndre Josefa le nampijo zane tao amy
iaze lio. [32]Vaho le nandesy iareo tagne amy y babane zane vaho nanao tihoe iareo: "Nisahanay toy. Mba vambao
laha akanjo ty anandahinao toy na tsie." [33]Hay ndre Jakoba zane vaho nanao tihoe re: "Akanjo ty anako toy.
Nakapa ty bibily re. Tena torotoro vatane Josefa."[34]Nanatake ty fisikinane Jakoba vaho nisike lamba fisaogna teo
am-balahane. Nisao ty anane agnate ty andro maro re. [35]Nitsanga nampionigne aze iaby ty nandahine naho ty
anak'ampelane iaby, te tsy nete napionony reke. Nanao tihoe re: "Hizotso ho agne amy ty fiaignan-tsi-hisake
vatane raho hisao ty anandahiko." Nitagny aze ty babane. [36]Naviliny reo Midianita tagne Egypta tamy ndre
Potifara re, tandapa ndre Farao, iaze bey ty mpiambe.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 38

[1]Vaho tamy zane andro zane le niala reo rahalahine re Joda vaho niara-nitoboke tamina Adolamita, zay kinaike
tihoe Hira. [2]Tagne ro nifakahisahane tamy ty anak'ampela ty lehilahy Kananita zay kinaike tihoe Soa. Nanambaly
aze re vaho niarake nandre tamine.[3]Nanagn'anake re vaho nahazo ajajalahy Era ro nikaiha aze. [4]Nanagn'Agnakae
ndraike re vaho nahazo ajajalahy. Kinaine tihoe Onana. [5]Vaho mbeo nahazo ajajalhy ndarike re vaho kinaine
tihoe Sela. Tagne Keziba ro niterahane aze.[6]joda nahisake valy ho ahy ndre Era taolagnolone. Tamara ro
agnarane. [7]Era anandahy ndre Joda le rate teo amy ty fanjo Yaveh. Nivonoa Yaveh re.[8]Nanao tihoe Joda tamy ndre
Onana: "Mandrea miarake amy ty valy ty rahalhinao. Ataovo amine ty adide amy ty maharagnaotsy anao, vaho
manangàna anake ho ahy ty rahalahinao." [9]Vaho hay ndre Onana te ty ajaja le tsy ho aze. Ka saky ty niarake
nandre tamy ty valin-drahalahine re, le nararane tamy ty tane ty siperima soa tsy hanagnane ajaja ho ahy ty
rahalahine. [10]Rate ty nataone teo amy ty fanjo Yaveh. Nivonoa Yaveh avao kea re.[11]Vaho nanao tihoe Joda tamy
ndre Tamara, vinanto ampelane: "Lonike iriha hijano vantotse ao ajomba ty babanao zisike hahabey ahy ndre
Sela, Anandahinao." Satria natahotse reo tihoe: "Sode ho maty m,anahake reo rahalahine avao kea re." Lasa
tamara vaho nitoboke tao ajomba ty babane.[12]Fotoa maro tatoy afara, le maty ty valy ndre Joda, anak'ampela
ndre Soa. Fa nionogne re Joda vaho niakatse tagne amy ty mpagnete ty oandrine tagne Timna, reke naho HIra
iaze Adolamita namane. [13]Nisy nitakiky tamy ndre Tamara tihoe: "Ingo, ty rafozanao te miakatse agne Timna
hivamba ty aondrine." [14]Nafahane ty akanjo maha-vantotse aze le nirakofane ty voaline vaho nisarognane ty
vatane. Nitoboke teo am-bavahady ndre Enaima, zay teo agnila ty lala mandeha agne Timna re. Satria fa hisane
te fa bey re Sela nefa tsy nomey ho valine re.[15]Lafa nahisake aze re Joda nihevitse te mpivaro-tegna re satria
nisarognane ty tarehine. [16]Namonje aze tegne an-dala re vaho nirehake tihoe: "Avia, aleo raho hiarake mandre
aminao"__satria tsy haine tihoe vinanto ampelane re__vaho nanao tihoe re" :Ino ro homeinao ahike le afake
miarake mandre amiko iriha?"[17]Nanao tihoe re: "hagnaterako anak'aose amy reo aondre miarake amy ty aose
iriha." Nanao tihoe re: "Hagnome antoke ahike vao iriha mandra-pagnateranao zane?" [18]Nanao tihoe re: "Ino ro
antoke azoko omey anao?" namale re tihoe: "Fanombohan-kase naho ty kofehinao, vaho igny fitogno egne an-
tagnanao igny." Nomeine aiareo vaho niara-nandre tamine re, le nibevoka tamine re.[19]Nitsanga re vaho niala teo.
Nahafane ty voaline vaho nampidirine ty lamba maha vantotse aze. [20]Nampagnatery ndre Joda ahy iaze
Adolamita namane ty anak'aose tamy reo aondre miarake ty aose soa hahazahoane iaze antoke tegne an-
tagnan'ampela, nefa tsy mahisake aze re.[21]bak'eo le nagnontane reo lehilahy nitoboke teo an-toera iaze Adolamita
tihoe: "Aia iaze mpivarotegna teto amy ty lala ndre Enaima?" Nanao tihoe iareo: "Tsy nisy mpivaro-tegna teto."
[22]Le nimpoly tagne amy ndre Joda re vaho nanao tihoe re: "Tsy nahisake aze raho. Vaho nanao tihoe reo lehilahy
teo an-toera tihoe: 'Tsy nisy mpivaro-tegna teto" [23]Nanao tihoe re Joda: "Alao ho tanane agne rey zaka rey, soa tsy
hanalatsy antika. Fa nampagnatitse anak'aose vatane raho, nefa iriha tsy nahisake aze."[24]Vaho lafa afake telo vola
teo le nisy nitalily tamy ndre Joda tihoe: "Nivarotegna re Tamara vinantonao ampela, vaho fa bevoka noho zane
vatane re." Nanao tihoe re: "Andeso atoy re vaho lonike ho oroa." [25]Vaho lafa naboaky re le nampita hafatse tagne
amy ty rafozane tihoe: "Bak'amy ty lehilahy tompony reto ro nahabevoka ahike." Nanao tihoe re: "Mba fantaro
ragnandria tihoe gnan'ia reto fanombohan-kase naho kofehy vaho fitogno reto." [26]Vaho hay ndre Joda reo raraha
reo le nanao tihoe re: "Marina mihoatse ahike re, satria re le tsy nagnomey ho valy ndre Sela anandahiko." Vaho
tsy niarake nandre tamine sase re.[27]Vaho tamy zane andro zane le terake re, ingo, nagnamba ro tao an-trone.
[28]Vaho laha teo am-piteraha le niboake ty tagna ty raike tamy reo ajaja, vaho nangalake kofehe mena iaze
mpampivelo le nataone vo tamy ty tagnane vaho nanao tihoe re: "Toy ro terake voalohane."[29]Vaho bak'eo le
nahemone ty tagnane, vaho ingo, ty rahalahine niboake voalohane. Nanao tihoe iaze mpampivelo tihoe: "Tamy ty
fomba manao akore ro nahatafavoake anao!" Kea le kinaine tihoe Fareza re. [30]Vaho niboake ndraike iaze
rahalaine, zay nisy ahy iaze kofehe mena tamy ty tagnane le kinaike tihoe Zera re.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 39

[1]Nandesine nizotso tagne Egypta re Josefa. Potifara, manam-pahefa ahy ndre Farao zay kapitene ty mpiamby
naho egyptiana, ro nivily aze tamy reo Ismaelita, ze nanday aze nizotso tagne. [2]Niaro ahy ndre Josefa Yave le avy
lehilahy ambinine re. Nitoboke tao amy ty tragno ty Egyptiana tompone re.[3]Ty tompone le nahisake te nitahy aze
Yaveh vaho nampiroborobo ty zaka iaby ze nataone. [4]Le nahisake fitea teo amasone re Josefa. Vaho nanompo ahy
Potifara re. Natao ndre Potifara ho mpagnaramaso ty ajombane re Josefa, vaho ze iaby nanagnane, le natone teo
ambane fitantane.[5]Vaho nanomboke tamy ty fotoa ze nampitantanane aze ty tragnone naho ze iaby nanagnane,
le nitahy Yaveh ty tragno iaze Egyptiana noho re Josefa. Ty fitahia Yaveh le tao amy ty raraha iaby ze nanagna
ndre Potifara tao ajombane naho tagne am-baibo. [6]Napo ndre Potifara teo ambane fitantana ndre Josefa zay iaby
nanagnane. tsy nipay nieretseretse na ino na ino afa-tsy ty mahatanjake ho tave re. Vaho Josefa le soa tarehe
vaho maninto.[7]Vaho tao afara zay le nagniry ahy ndre Josefa ty valy ty tompone. Nanao tihoe re: "Mandria
miarake amiko." [8]Te nandà re le nitsara tamy ty valy ty tompone tihoe: "Ingo, ty tompoko tsy miraharaha zay zaka
ataoko ato ajombako, vaho nametrake tamiko ty zaka iaby zay aze eo ambane fitantanako re. [9]Tsy misy bey noho
iraho ato amy toy tragno toy. Tsy nandrara na ino na ino tamiko afa-tsy iriha re, satria valine iriha. Le nanao
akore ro azahoako manao zane faharatia bey faharatia manohitse ahy ty Andragnahare zane?"[10]Nitsara tamy
ndre josefa san'andro san'andro re, feie tsy nagnina tsy hiarake handre amine na hiarake amine re. [11]Vaho
ndraik'andro le nizilike tao an-tragno hanao ty asane re. Tsy nisy tamy reo lehilahy ao an-tragno nijano tao.
[12]Nisambotse aze tamy ty akanjone re vaho nitsara tihoe: "Mandrea miarake amiko." Navelane teo an-tagnane ty
akanjone, le nilay, vaho niboake tagne ambalike re.[13]Vaho lafa hisane te napone teo an-tagnane ty akanjone vaho
nilay niboake tagne ambaliky re, [14]le kinaine reo ndaty tao an-tragnone vaho nitaliliane tihoe: "Vambao, Potifara
nampizilike Hebreo mba hisomonga antika. Nizilike tao amiko re soa hiarake handre amiko, le nikoikoike raho.
[15]Vaho lafa henone nikoikoike raho le napone teto amiko ty akanjone, le nilay, vaho niboake tagne ambalike
re."[16]Napone teo agnilane iaze akanjo ndre Josefa mandra-piavia ty tompone tao an-tragno. [17]Nirehake tamine zao
fagnazavao zao re tihoe: "Iaze mpiasanao hebreo zay nandesinao ho antika, le nizilike tato handrava ahike.
[18]vaho lafa nikoikoike raho, le napone teto amiko ty akanjone le nilay tagne ambalike re."[19]Vaho lafa heno ty
tompone ty fagnazava nirehafy ty valine tamine tihoe: "Zane ro natao ty mpiasanao tamiko," le neloke mafy re.
[20]Nangalake aze ty tompo ndre Josefa le napipoke aze tagne am-pigandra, toera zay nitana reo voangandra ty
mpanjaka, Le tao an-tragnomaieke[21]Te Yaveh niaro ahy ndre Josefa le naneho ty tsy fivaliham-pagneke tamine.
Nampahisake fitea aze teo amasone ty mpiamby ty figandra Re. [22]Nampandrambesy an-tagna ahy ndre Josefa ty
gandra iaby zay tao an-tragnomaike iaze mpiamby ty figandra. Na ino na ino natao iareo tao, le nandray an-tagna
zane Josefa. [23]Ty mpiamby ty fonja le tsy nanahy ty zaka iaby zay teo an-tagnane, satria niaro aze Yaveh. Zay iaby
nataone, le nitahia ndre Yaveh.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 40

[1]Vaho tafara zane raharaha iaby zane, le nahameloke ty tompo iareo, mpanjaka ty Egypta, ty mpinday kapoake ty
mpanjaka naho ty mpanao mofone. [2]Meloke tmy iareo manam-pahefa roe lahy, le ty bey ty mpanao mofo.
[3]Nigadraine tao an-tragnoty lehibey ty mpiamby iareo, tao amy lay figadra ze nitanjana andre Josefa avao.
[4]Nanendre andre Josefa ty bey ty mpiamby mba ho mpiasa iareo. Vaho iareo nitoetse naharitse ty fotoa maharitse
tany am-pikandra. [5]Sambe nagninofe iareo_lay mpanday kapoake naho mpambooatse mofo ty mpanjaka ty
Egypta ze nitajahy tao am-pingandra_le sambe nana ty nofine aby reke roe lahy tamy io alina io, vaho ty nofy
kiraikiraike le sambe nana ty hevene arere.[6]Avy marandray tao amy iareo re Josefa vaho nahisake aiereo. Ingo,
nahalahelo iareo. [7]Nangatake tamy reo tandapane Farao ze niarake tamine tao am-pigandra tao an-tragno ty
tompene reke, nanao tihoe: "Nanao aore nareo ro otrane malahelo zao?" [8]Hoy iareo tamine tihoe; "Nagnofy zahay
roe lahy vaho tsy misy afake ty hitalily ty hevitse zane." Nanao tihoe Josefa tamy iareo: " Tsy
bak'amin'Andranagnahare va ty fagnomeza dika zane? Mba talilio ahike moa."[9]Le nitalily ty nofine tamy ndre
Josefa ty bey ty mpanday kapoake. Nanao tihoe reke tamine: " Tao agnaty ty nofiko, le ingo, nisy voaloboke teo
agnoloako. [10]Nisy sampane telo amy lay voaloboke. Laha nivake zane, le namoa ty vonine vaho masake reo
sampam-boaloboka. [11]teo an-tagnako ty kapoake ndre Farao. Nalaeko reo voaloboke le nifihazako tao agnate ty
kapoake ndre Farao reo, vaho napoko teo an-tagna ndre Farao zane."[12]Nitsara tamine Josefa tihoe: "Toy ro dikany
zane. Ty sampam-boaloboke telo le mitovy hateloa. [13]Ao agnaty ty hateloa re Farao ro hampitraka ty lohanao vaho
hampimpoly anao amy ty asanao. Hapipoke ty kapoake ndre Farao eo an-tagnane riha, manahake ty tamy ty
naha-panday ty kapoakane anao.[14]Te tiarovy raho lafa milame ty aminao,vaho mba manehoa hasoam-pagnahy
amiko. Rehafo agne amy ndre Farao raho vaho afaho ato amy toy figadra toy. [15]Te nala an-kerene tamy ty tagne
Hebreo vatane raho. Eto avao kea le tsy nisy raharaha nataokoze tokone nametraha iareo ahike ato amy toy
figadra toy. "[16]Lafa hisane ty lehibey ty mpanao mofo te soa ty hevitse zane, le nanao tihoe reke tamy ndre Josefa:
" Nagnofy avao kea raho, vaho, ingo, nisy vaha telo nisy mofo teo an-dahako. [17]Teo amy ty vaha ambone loatse le
nisy reo karazan-jaka maro natao mofo hoahy ndre Farao, kanefa nihaniny reo voro bak'ao amy ty vaha teo
ambone lohako zane.[18]Namale Josefa vaho nanao tihoe: "Zao ro heve zane. Ty vaha kele telo le mitovy hateloane.
[19]Agnate ty hateloana ro hangala ndre Farao ty lohanao vaho hagnantognane anao eo ambone hazo. Vaho
hihinana reo voro ty nofonao."[20]Vaho tamy ty andro fahatelo ty fimpolia ty andro niteraha ndre Farao. Nanao
fanasa hoahy ty mpiasane iaby reke. "nasondrone" ty loha lay lehibey ty mpanday kapoake naho ty loha lay
lehibey ty mpanao mofo, teo amy reo mpiasane. [21]Napoline tamy ty asa ty lehibey ty mpitondra kapoake, vaho
nametrake lay kapoake teo an-tagna ndre Farao ndraike reke. [22]Te nampilame kea ty lehibey ty mpanao mofo,
arake ze nitalily ndre Josefa tamy iareo. [23]Fe tsy mbo nahatiaro andre Josefa lay lehibey ty mpanday kapoake, te
alignone ka ty mikasike aze.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 41

[1]Vaho lafa afake roe tao nagnenja le nanana nofy raike Farao. Laha nitsanga teo amy Neily reke. [2]Le ingo, nisy
aombe vave fito niboake bak'ao amy ndre Neily, mampagniry naho vondraky, vaho nadraoke ankata teo amy
sisine reo. [3]Ingo,nisy aombe vavy fio hafa niboake bak'ao amy ndre tafara reo, tsy te-ho tea naho boroka.
Nandeha marinike reo aombe vavy hafa teo sisy ty vavarano reo.[4]Bak'eo reo aombe vave marare naho boroka
nihina reo aombe vave mampagniry naho vondrake fito. bak'eo nifoha re Farao. [5]Natory ndraike reke vaho
nagninofy fagnindroane. Imgo,nisy salohim-bary fito nitiry bak'amy ty taho raike, vokatse bey naho sao. [6]Ingo,
nisy salohim-bary fito hafa, matify vaho maike ty rivotse antignana, nivaky tafara reo.[7]Nitele reo salohy fito
vokatse bey naho soa reo salohy matify. Taitse Farao, vaho, ingo, nofe zane. [8]Vaho avy ty maray le nitahotse ty
fagnahine. Nagnirake le nampikaike reo mpahay aole naho ndatin-kendre ty Egypta iaby reke. Nitalily ndre Farao
tamy iareo ty nofine, te nisy na raike tamy iareo afake nagnazava zane tamy ndre Farao.[9]Vaho ty lehibey ty
mpitondra kapoake nitsara tamy ndre Farao tihoe: ' Zao raho vao mandinike reo faharatiako. [10]Meloke tamy reo
mpiasane re Farao, le nampandeha ahike tagne an-tragnomaike tao an- tragno ty kapiteny ty mpiamby, raho
naho lay bey ty mpanao mofo. [11]Niarake nagnonofe zahay tamy io haleke io, raho naho reke. Sambe nana ty
nofine arake ty dikane iaby zahay.[12]Nisy tovolahy Hebreo niareke taminay tao, mpiasane lay kapiteny ty
mpiamby. Nitalilinay aze vaho nandika ty hevitsy reo nofinay taminay reke. Nandika tamy ty kiraikiraike
taminay arake ty nofine iaby reke. [13]Vaho laha nandika ty hivetsy reo nofinay taminay reke le niseho zane.
nampoly ndre Farao tamy ty toera nisy ahike raho, te lay raike hafa nahantone."[14]Bak'eo Farao nagnirake le
nampikaike andre Josefa. Namboaky iareo malake tao an- tragnomaike reke. Niharatse reke, nisolo akanjo, vaho
nagnagny amy ndre Farao. [15]Nanao tihoe Farao tamy ndre Josefa: " nagnonofy raho, te tsy misy afake magnazava
zane. Te nahare ty mikasike anao raho, te lafa maharey nofy riha le afake magnazava zane.[16] Namale andre Farao
re Josefa' nanao tihoe: " tsy atozane. Andragnahare ro hamale andre Farao arake ze zotone."[17]Nanao tihoe re
Farao tamy ndre Josefa: "Tao amy ty nofiko, le ingo, nitsanga teo amy ty sisy ndre Neily raho. [18]Indro, nisy
aon=mbe vavy fitonivoake bak'ao amy ndre Neily, vondraky naho mampagniry,vaho nandraoke akata teo amy
sisine reo.[19]Ingo, nisy aombe vavy fito niboake tao afara iareo, tsy matavy, vaho boroka. tsy boe nahisake
faharatia manahake zane raho nagnera ty tane ndr'Egypta iabe. [20]Reo boroka naho aome vavy rate ro nihina reo
aomby vavy vondrake voalohane. [21]Lafa lagn'iareo zane, le tsy nahay akore tehoe nihany iareo zane, satria mboe
raty manahake ty toe aloha avao iareo. Bak'eo le nahatiaro raho[22]Nimpoly nagninofy ndraike raho, vaho, ingo,
nisy salohim-bary fito nivaky tamy ty taho raike, vokatse maro vaho soa. [23]Ingo, nisy salohim-bary fito hafa,
malazo, matify naho maike ty tioke atignana, nivake tafara reo. [24]Nitely reo salohim-bary fito soa reo salohim-
bary matify. Nitalilieko tamy reo mpahay aole zane, te tsy nisy tamy iareo afake nagnazava zane tamiko."[25]Nanao
tihoe Josefa tamy ndre Farao: " Mitovy reo nofy ndre Farao reo. Ze ho atao andragnahare, le nambarane tamy
ndre Farao. [26]Reo aomby vavy fito soa le ty fito tao, vaho ty salohim-bary fito le ty fito tao. Mitovy reo nofy reo.
[27]Reo aomby vavy fito boroka naho tsy matavy ze avy tafara iareo le tao fito, vaho reo salohim-bary matify fito
maike ty rivotse atignana avao kea le tao fito ty kere. [28]Zane ro raharaha ze nitalilieko tamy ndre Farao. Ze ho
ataon' Andrgnahare le nambarane tamy ndre Farao. [29]Ingo, fito tao ty hamaroa ro ho avy magnera tane
ndr'Egypta iaby.[30]Fito tao ty kere ro ho avy magnarake zane, vaho ty fahamaroa iaby le ho aligno ao amy ty tane
Egypta, vaho handrava ty tane ty kere. [31]Ho aligno ao amy ty faritse ty fahamaroa noho ty kere ze magnarake
zane, le hasiake vatane. [32]Nampolimpoline tamy ndre Farao zane nofy zane satria zane raha niseho zane le fa
nisafarin'Andragnahare, vaho hanao zane tsy ho ela Andragnahare.[3333]Vaho lonike Farao hipay ndaty manan-tsay
naho hendre, le hametrake azy amy ty tany Egypta.[34]Lonike Farao hanao zao: lonike reke hanendre
mpiandraikitse ty tane. Lonike iareo hangalaka ty ampahadimy ty vokatse ndre Egypta amy ty tao fito ty
fahamaroa.[35]lonike iareo hamory ty sakafo iaby amy io tao soa ze ho avy io le hitahiry ty vokatse eo ambane
fahefa ndre farao, mba ho sakafo hoahy reo vahoake. Tokone arova iareo zane. [36]Ty sakafo le ho fagnampea
hoahy ty tane amy ty fito tao ty kere ze ho ao amy ty tane Egypta. Amy zane fomba zane ty tane le tsy ho rava ty
kere.[37]Soa teo amaso ndre Farao naho teo amaso reo mpiasane iaby zane hevetse zane. [38]Nanao tihoe re Farao
tamy reo mpiasane iaby: " Afake mahasike ndaty manahake zane va ntika, ze ao amine ty
Fagnahin'Andragnahare?"[39]Le nanao tihoe re Farao tamy ndre josefa: "satria Andragnahare nampiseho anao zane
iaby zane, le tsy misy hafa misafiry lalike naho hendre manahake anao. [40]Handay ty tragnoko riha, vaho arake ty
tsaranao ro handilia ty vahoakako iaby. Eo amy ty seza fiankina avao raho ro ho ambone noho riha. [41]Nanao tihoe
re Farao tamy ndre Josefa: " Ingo,apoko aminao ty tane ndre Egypta iaby."[42]Nala ndre Farao tamy ty tagnane ty
peratse misy ty tombo-kase vaho natsofone tamy tagna ndre Josefa. Nampiakanjoane lamba rongone matify reke,
vaho nasiane ravake volamenaty vozone. [43]Nampiondranene teo amy ty sarety faharoa ze aze reke. Nikorakoraky


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nagnoloa aze ty ndaty tihoe: " Mandohaliha. " Natao ndre Farao nanapake teo amy ty tane Egypta iaby reke.
[44]Nanao tihoe re Farao tamy ndre Josefa: "Raho ro Farao, vaho ankoatse anao, le tsy misy ndaty hanondrotse ty
tagnane na ty tambone amy ty tane Egy pta iaby. [45]Nikaike ty agnara ndre Josefa tihoe: " Zafenata Panea" re Farao.
Nomeine ho vale ndre asenata, lay anak'ampela ndre protifera mpisoro ndre Ona. Namakivake ty tane ndre iaby
re Josefa.[46]Telopolo tao Josefa laha nitsanga teo agnatreha ndre Farao reke, lay mpanjaka ndre Egypta. NIala teo
amy ty fagnatreha ndreFarao reke, vaho namakivake ty tane ndre Egypta iaby. [47]Naharitse ty fito tao soa le
namokatse bey ty tane.[48]Navorine iaby ty sakafo iaby nandritsy ty fito tao ze tao amy ty tagne Egypta vaho
napetrane tagne amy reo tanam- bey. napone saky ty tana ty sakafo ze bak' amy ty baibo magnodidy zane.
[49]Navory ndre Josefa manahake ty fasiky ty ranomasy ty voa,maro mare le ninjano nagnisake reke satria tsy
hisake isa zane.[50]Tao aloha ty nahaavy ty tao ty kere, le nana anandahy roe, tamy ndre Asenata, anak'ampela
ndre Potifera mpisoro tao Ona, re josefa. [51]Kinaike ndre Josefa tihoe Manase ty taolagnolo, satria nanao tihoe
reke: "Andragnahare nampagnaligno ahike ty olane iaby naho ty longo ty babako iaby." [52]Kinaikene tihoe Efraima
ty andahine faharoe, satria nanao tihoe reke: "Andrgnahare nahamaro ahike teo amy ty tane ty
fijaleako."[53]Andalam-piafara reo fito tao ty fahamaroa tao amy ty tane Egypta. [54]Nanomboke ty fito tao ty kere,
arake ty nitalilly ndre Josefa. Nisy kere teo amy ty tane iaby,nefa nisy sakafo kea teo amy ty tane ndre Egypta iaby.
[55]Lafa tao agnaty ty kere ty tane iabytao Egypta, le nikaikaike sakafo tamy ndre Farao ty vahoake. Nanao tihoe re
Farao tamy reo Egyptiana iaby: " Mandehana agne amy ndre Josefa vaho ataovo ze ambarane anareo." [56]Nagnera
ty faritriny ty tane raike iaby ty kere. Nanokatse ty tragno fitehiriza iaby Josefa vaho nivarotse tamy reo
Egyptiana. Mafy vatane ty kere tao Egypta. [57]Avy tao Egypta iaby reo furenena iaby mba hivily vare amy ndre
Josefa, satria famafy ty kere tagne amy ty tane iaby


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 42

[1]Vaho hay ndre Jakoba te nisy vare tagne Egypta. Nitsara tamy reo anandahy reke tihoe: " Nanao akore ro
mifagnete nareo?" [2]Nanao tihoe reke: "Ingo, reko fa misy vare agne Egypta. Mizotsoa agne vaho mivilia agne ho
antika te tsy ho fate. [3]Nandeha nizotso reo rahalahy ndre Josefa folo mba hivily vare agne Egypta. [4]Te Benjamina,
rahalahy ndre Josefa, tsy nalefa ndre Jokaba niarake tamy reo rahalahy, satria natahotse reke sode hisy loza mete
hanjo aze.[5]Avy reo anandahy ndr'Israely mba hivily niarake tamy reo ze avy, te nisy kere tagne amy ty tagne
Kanana. Vaho Josefa ro mpandily amy lay tane. [6]Reke avao ro nivarotse hoahy reo vahoake ty tane iaby. Avy vaho
nampihohoke ty vatagn'iareo tamy ty tane teo amine reo rahalahy ndre Josefa.[7]Nahisake reo rahalahine re Josefa
vaho nahay aiereo, fe nagnova ty tarehine tamy iareo reke vaho nitsara mafe tamy iareo. Nanao tihoe reke tamy
iareo: "Bak'aia nareo?" Nanao tihoe iareo: "Bak'agne amy ty tane Kanana mba hivily hany." [8]Hay ndre Josefa reo
rahalahine te iareo tsy nahay azy.[9]Le tiaro ndre Josefa ty nofy azone nikasike aiereo, le nanao tihoe reke tamy
iareo: "Mpagnara maso nareo! avy mba hagnete reo faritse tsy voaaro eto amy ty tane nareo." [10]Nanao tihoe iareo
tamine: " Aha, tompoko. Avy mba hivily hany reto mpiasanao. [11]Anagne ty lehilahy raiky zahay iaby. Lehilahy
marene zahay. Tsy mpagnaramaso reto mpiasanao."[12]Nanao tihoe reke tamy iareo: " Aha, avy hanete reo faritse
mbo tsy voaaro etoy amy ty tane nareo."[13] Nanao tihoe iareo:"Roe amby folo mirahalahy zahay mpiasanao,
anagne lihilahy raije agne amy ty tane Kanana. Ingo, ty faralahy le agne amy ty babanay amy henanezao,vaho ty
rahalahy raike famaty."[14]Nanao tihoe Josefa tamy iareo: " Zao ro nnitalilieko anareo; mpgnaramaso nareo. [15]Amy
zao ro hitsapa anareo . Laha velo kea Farao, le tsy hiala eto nareo, laha tsy avy eto ty faralahy aminareo. [16]Iraho ty
raike aminareo vaho lonike reke hangalake rahalahinareo. Vaho nareo hajano ao am-pingadra, mba hahazoa
mitsapa ty rehagnareo, laha misy fahamarinagne ao aminareo." [17]Nalefany tagne am-pingadra iareo iaby
naharitse telo andro.[18]Ty andro fahatelo le nanao tihoe Josefa tamy iareo: "Zao ro ataovo mba ho velo, te
matahotse ahy Andragnahare raho. [19]Laha ndaty marene nareo, lonike ty rake amy reo rahalahinareo tsy hiala ao
amy ty ampigandra, te mandehaa nareo, mandesa vare ho amy ty kere amy ty tragnonareo. [20]Andeso magnatoy
amiko ty faralahy aminareo hagnamarine ty tsaranao naho tsy hahafate anareo." Vaho natao iareo zane.
[21]Nifampirehake iareo tihoe: "Meloke marene vatane itika noho ty amy ty rahalahintika ze hisantika ty fikalea ty
fagnahy laha nangatake antika reke vaho itika tsy niheno aze. Kea noho zane ro nahaavy zao finjalea zao
tamintika." [22]Nanao tihoe Robena namale aiereo tihoe: 'Ka manao diso amy lay zazalahy,'fe tsy niheno ahike
nareo? Ingo, zao take amintika ty lione."[23]Tsy hay iareo te nahay ty fireha iareo re Josefa, satria nisy mpandika
teny teo agnelagnela iareo. [24]Nihodike niala tamy iareo reke le nitomagny. Nimpoly nandeha amy amy iareo
ndraike reke vaho nitsara tamy iareo. Nalaine teo amy iareo re Simeona vaho narohine teo amaso iareo. [25]Bak'eo
nibaiko ty mpiasane re Josefa mba hameno vare ty kitapo reo rahalahine vaho mba hampimpoly ty drala ty
lehilahy kiraikiraike tao amy ty lasakane, vaho hagnomey aiereo vatia ho amy ty lia. Natao ho aiereo zane.
[26]Nameno vare ty ampondrane reo mpirahalahy vaho le niala tagne. [27]Laha nanokatse ty gonine ty raike amy
iareo mba hamaha ty ampondrane teo amy ty toera nandreane, le nahisake ty dralane reke. Ingo, teo ambava ty
gonine zane. [28]Nanao tihoe reke tamy reo rahalahine: "nampoline ty dralaka. Heteo; ao ampo goniko
zane."Nidoboke ty tahotse ty arofo ieareo sade nifampitolike am-pititiha, nanao tihoe: "Ino lahy itoy
nataon'Andragnahare tamintika ?"[29]Nandeha tagne amy ndre Jakoba iareo, ty baba iareo tagne amy ty tane
Kanana vaho nitalily tamine ze iaby niseho tamy iareo. Nanao tihoe iareo: [30]" Lay lehilahy, tompo ty tane, le
nirehake mafy anay vaho nihevitse te mpagnaramaro tagne amy lay tane zahay. [31]Nanao tihoe zahay tamine:
'Ndaty marene zahay. Vaho tsy mpagnaramaso zao. [32]Roe ambiny folo miralahy zahay, anagne ty babanay. Famaty
ty raike, vaho ty faralahy le miarake amy ty babanay agne tane Kanana amy henanizao.'[33]Lay lehilahy, tompo ty
tane, nirehake taminay tihoe: 'Zao ro hahaizako te ndaty marene nareo. Ajanogno eto amiko ty raike amy reo
rahalahinareo, mandaisa vare ho amy ty kere agne amy ty tragnoreo, vaho vonjeo ty lalanareo. [34]Andeso eto
amiko ty faralahy aminareo. Le ho haiko te tsy mpagnaramaso nareo, te lehilahy marene. Le havototso ho anareo
ty rahalahinareo, le hivily eto amy ty tane nareo.'"[35]Vaho lafa tsy nampise ty tao an-gonine iareo, ro ingo, ty
fognosam-bolafoty ty lehilahy kiraikaraike isane le tao ampo ty gonine. Naho hisa iareo naho ty baba iareo ty
fognosam-bolafotine, le natahotse iareo. [36]Nanao tihoe Jakoba baba iareo tamy iareo: "Fanagnafake reo anako
tamiko nareo. Josefa le famate, re Simeona lasa, vaho andesinareo lavitse kea re Benjamina. Manohitse ahike
iaby reo raraha iaby reo."[37]Nirehake tamy babane re Robena, nanao tihoe: "Azonao vonoe reo anako roe lahy laha
toa tsy manday andre Benjamina mimpoly aminao raho. Apoho eo an-tagnako reke, le handay aze aminao
ndraike raho." [38]Nanao tihoe Jakoba: " tsy handeha hizotso hiarake aminareo zane ty anadahiko. Te fa mate ty
rahalahine vaho reke arere tavela. Laha misy loza avy amine egne amy ty lala ze andehanareo, le handay
miarake amy ty alahelo ty volo-fotiko mizotso agne amy ty fiaignan-tsy hisake anareo


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 43

[1]Nisy kere nimafe teo amy lay tane. [2]Vaho zao ro niseho lafa lany iareo ty vare nandesy iareo bak'agne Egypta,
nanao tihoe ty babane tamy iareo: "Mandena ndraike; le mivilia sakafo ho antika."[3]Nirehake aze Joda tihoe:
"Nampitandre mafe anay ralehilahy tihoe: ' Tsy hahiseke ty vatako nareo laha tsy miarake amy ty
rahalahinareo,'[4]Laha alefanao miarake aminay ty rahalahinay, le andeha hizotso naho hivily sakafo ho anao
zahay. [5] Fe laha tsy alefanao miarake aminay reke, le tsy handeha hizotso zahay. Satria ralehilahy nitsara taminay
tihoe: ' Tsy hahisake ty vatako nareo laha tsy miareke amy ty rahalahinareo.'"[6]Nanano tihoe Israely: 'Nanao akory
nareo ro nampilitse loza ahike tamy ty fagnambara kay lehilahy te mana rahalahy hafa nareo?" Nanao tihoe
iareo: " Nagnontane ty antsipirihane mikasike anay naho ty longonay ralehilahy. [7]Nanao tihoe reke: "Mbo velo va
babanareo? Mbo mana rahalahy hafa va nareo?' Le nivaleanay arake reo fagnontaniane reo reke. Nanao akore ro
hahaizanay te hiteny reke tihoe: " Andeso mizotso ty rahalahinareo?'"[8]Nanao tihoe Joda tamy ndr'Israely babane:
"Alefaso miarake amiko ty ajajalahy. Hiala le handeha zahay mba ho velo te tsy ho fate itika, le zahay naho
rihanaho reo anagnay avao kea. [9]Ho antoke ho aze raho. Laha tsy andesiko mimpoly eo agnoloanareo reke, le
lonike ho zakako zisikam-parane ty tsiny. [10]Te laha tsy tara zahay, le vatane fanimpoly teto fagnindroane
zahay."[11]Nanao tihoe Israely babane tamy iareo: Laha zane, le ataovo zo. ataovo ao amy ty kitaponao ty ilane amy
reo vakatse ty tane soa mare. Mizotsoa vaho mandesa fagnomeza ho an-dralehilahy: balsama naho tantely,zaka-
magnitse naho miora, voanjo naho amandy. [12]Ataovo amboy ty roe mihoatse ty drala eo an-tagnanareo. Ty drala
ze nampoline tao amy ty vava ty goninareo, le andeso mimpoly egne an-tagnanareo ndraike. Sode mba
handisoanareo avao zane.[13]Andeso avao kea ty ralahinareo. Mitsangana vaho mandena ndraike agne amin-
dralehilahy. [14]Andragnahare Tsitoha vatane hagnomey famindragn'arofo anareo eo agnatrehan-dralehilahy,mba
hagnahafane ty rahalahinareo hafa naho Benjamina ho aminao. Laha misao reo anako raho, le misao." [15]Nala reo
lehilahy niareke tamy ndre Benjamina lay fagnomeza, vaho nanday drala ambone roe hene tegne an-tagna iareo.
Nandeha iareo vaho nimpoly nizotso tagne Egypta vaho niseho teo ndre Josefa.[16]Lafa nahisake andre Benjamina
niarake tamy iareo re Josefa, le nanao tihoe reke tamy lay tompon'andraikitse mpampandroso tao an-gnajobane:
" hampandroso ao an-gnajoba reo lehilahy, mamonoa biby raike vaho karakarao zane, te hiarake hisakafo amiko
iareo lafa antoandro." [17]Natao reo mpiasane ze nirehafe ndre Josefa. Nandesine tao agnajoba ndre Josefa reo
lehilahy.[18]Natahotse reo lehilahy satria nandesy tao an-gnajoba ndre Josefa iareo. Nanao tihoe iareo: "Noho lay
drala nampoly tao agnate ty gonintika tamy ty voalohane nampilira antika tato, mba hahazahoane
magnararaotse antika. Mete hisambotse antika naho hagnandevo antika reke vaho hangalake reo
ampondrantika.'' [19]Namonjy an'lay mpiasa ndre Josefa iareo, vaho nirehake tamine teo am-baravara, nanao tihoe:
[20]"Tompko, avy nizotso tatoy zahay tamy ty voalohane mba hivily sakafo.[21]Vaho noho avy teo amy ty toeram-pitofa
zahay, le nanokatse reo goninay, le ingo, samby tao ambava ty gony reo lehilahy ty dralane, Tsisy nangala ty
dralanay. Namploinay vaho etoy am-pelan-tagnanay zane. [22]Nanday drala nizotso hafa avao koa zahay hivilia
sakafo. Tsy hainay ze nampimpoly ty dralanay tao agnate goninay." [23]Nanao tihoe lay mpiasa: " fiadagna vatane
ho anareo, ka matahotse. Ty Andragnaharenareo naho ty Andragnahare ty babanareo ro nametrake ty
dralanareo tao agnate goninareo. Farinaiko ty dralanareo.''Le nandesy lay mpiasa teo amy ndre Simeona
iareo[24]Nampandrosoy lay mpiasa tao an-gnajoba ndre Josefa reo lehilahy. Nomeine rano iareo, le nanasa ty
tombone iareo. Vaho nomeine sakafo ty ampondra iareo. [25]Le nagnoma reo fagnomeza amy ty fiavy ndre Josefa
amy ty antoandro iareo, satria heno iareo te hisakafo ao reke[26]Noho ty avy tao an-gnajobane re Josefa, le nandesy
iareo tao an-gnajoba ty fagnomeza tegne an-tagna iareo, vaho nihohoke tamy ty tane teo agnoloane iareo.
[27]Nagnotane aiereo mikasike ty fahasalamane iareo reke, le nanao tihoe: "Salama va ty lehilahy antitse
nirehafinareo igne? Mbo velo va reke?"[28]Nanao tihoe iareo: " Salama ty mpiasanao zay babanay. Mbo velo reke.
Niondrike naho nandohalike iareo. [29]Laha nampipelatsy ty masone reke le nahisake andre Benjamina rahalahine,
ze anagne ty renine, vaho nanao tihoe reke: Intoy va lay faralahinareo ze nirehafinareo tamiko?" Le nanao tihoe
reke: "Andragnahare hitahy anao, anako.''[30]Niboake malake tao agn'efitse re Josefa, satria nidobodoboke mafe
noho reo rahalahine reke. Nipay toera hitomagnia reke. Nizilike tao agn'efitsine reke vaho nitomagne tao.
[31]Nisasane ty tarehine le niboake reke. Nanindry arofo reke, nitsara tihoe: ''aroso ty mahatajake[32]Nomey reo
mpiasane andre Josefa ty Anjarane naho ty anjara reo rahalahine. Niara-nihina tamine reo Egypta tao satria ty
Egyptiana tsy mahazo mihina mofo miarake amy ty Hebreo, satria raraha mamparihy eo amy reo Egyptiana
zane. [33]Nitoboke teo agnoloane reo rahalahy, ty anadahy voalohane arake ty fizokiane, vaho ty zay farane arake ty
hatanorane. Tsereke iareo lehilahy. [34]Nomey ndre Josefa anjara tamy ty sakafo teo agnoloane iareo. Nefa ty anjara
ndre Bejamina le indimy mihoatse noho ty ahy reo rahalahine. Nino iareo vaho fale niarake tamine.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 44

[1]Nandily ty mpikarakara ty anjombane Josefa, nanao tihoe: "Feno mahatanjake ty gony reo lehilahy reo, arake ze
leo iareo, vaho ampoho ao agnate ty gonine ty drala reo lehilehy iaby. [2]Apoho ao amy ty vava gony ty zaene mare,
ty kapoakako, iaze kapoake volafoty naho ty dralane tamy ty vare." Vaho natao iaze mpikarakara ze nitalily ndre
Josefa.[3]Nibea ty maray, vaho nampandena reo lehilahy reo, iareo naho ty borikine. [4]Lafa niboake ty tanà iareo
feie mboe tsy avy lavitse, le nitalily tamy ty mpikarakarane re Josefa tihoe: "Mifohaza, magnoriha reo lehilehy
reo, vaho lafa tratsinao iareo, le talilio iareo tihoe: " Nanao akore nareo ro mamale rate ty soa? [5]Nao tsy iaze
kapoake inoma ty tompoko vao toy, naho iaze kapoake ze hampiasane amy ty fitokiane? Nanao rate nareo, zane
raraha zay nataonareo zane[6]Nahatratse aze reo iaze mpiandraikitse ty fampandrosoa vaho nitsara reo tsara reo.
[7]Iareo nitalily tamine tihoe: "Nanao akore ro mirehake manahake ty tompoko? Sagnatria amy reo mpiasanao ro
hanaova iareo raraha manahake zane.[8]Ingo, iaze ndrala hisagnay tao amy ty vava ty goninay, nandesinay
nimpoly atoy aminao ndraike bak'amy ty tane Kanana. Akore ro afahanay mangalatse volafote na volamena ao
amy ty tragno ty tomponao? [9]Ze ahisaha zane amy reo mpiasanao, lonike reke ho mate, vaho zahay avao kea le ho
andevo ty tompoko." [10]Iaze mpikarakara nitsara tihoe: "Lonike vaho areke ho arake ty tsaranareo zane. Iaze raike
ze hahisaha iaze kopy le ho andevoko, vaho nareo hafa kea le ho afake."[11]bak'eo le nandeha malake ty lehilahy
kiraikiraike le nampipoke ty gonine tamy ty tane, vaho samy nanokake ty gonine iaby. [12]Nipay iaze
tompon'andraikitse amy ty fampandrosoa. nifotorine tamy bey loatse vaho nifaragna tamy ty mpamarake loatse
le hisake tao amy ty gony ndre Benjamina iaze kapoake. [13]Vaho nanatake ty akanjone iareo. Sambe nijo ty
ampondrane ty lehilahy kiraikiraike nimpoly tagne amy ty tanà[14]Nandeha tagny amy ty anjomba ndre Josefa reo
Joda naho rei rahalahine. Mboe tagne re, le nihohoke te agnatrehane tamy ty tane iareo. [15]Nanao tihoe Josefa
tamy iareo: "Ino ro zao nataonareo zao? Nao tsy hainareo vao te lehilahy manahke ahike le manao fitokia?
[16]Nitalily Joda tihoe: "Ino ro afake talilinay amy ty tompoko? Ino ro azonay talily? Manao akore ro afahanay
magnamary ty vatagnay? Hisan'Andragnahare ty helogny reo mpiasanao. Imgo andevo ty tompoko zahay, zahay
naho re le nahisaha ty kapoake tegny an-tagnane." [17]Nanao tihoe: " Sagnatria amiko ty tsy maintse hanao zane.
Iaze lehilahy ze nahisaha ty kapoake tegne an-tagnane, le ho andevoko, te nareo hafa kea, hiaboake am-piadagna
ho agne amy ty babanareo."[18]Bak'eo le namonje marine aze re Joda le nitalily tihoe: "Tompoko, ampoho
ragnandria hiresahake tsara raike eo an-tsofy ty tompoko ty mpiasanao, vaho lonike ty helognao hobelake amy ty
mpiasanao, te te riha manahake andre Farao. [19]Nagnontane reo mpiasane ty tompoko, nitsara tihoe: 'Nao iriha
vao mana rae na rahalahy raike?'[20]Nanao tihoe zahay tamy ty tomponay: 'Mana baba zahay, lehilahy antitse vaho
anake raike tamy ty hahatitsine. Te ty rahalahine le fa mate, vaho ie raiko ro tavel tamy ty renine, vaho ty babane
tea aze.' [21]Bak'eo nitalily tamy reo mpiasanao iriha tihoe: 'Andeso eto amiko reke soa hafahako mahisake aze.'
[22]Tafara zane, le nitalily tamy ty tompoko zahay tihoe: " Tsy afake hampo ty babane iaze ajajalahy. Te laha
magnenga ty babane re le ho mate ty babane.[23]Vaho iriha nitalily tamy reo mpiasanao tihoe: 'Laha tsy mizotso
miarake aminao ty rahalahinao zaine loatse, le tsy hahisake ty vatako sase iriha.' [24]Vaho ingo avy zane lafa
niakatse nagnagny amy ty babako mpiasanao zahay, nitalilienao tamine reo tsara ty tompoko. [25]Nanao tihoety
babanay: "Mandena ndraike mivilia hane ho antika.' [26]Bak'eo le nitalily zahay tihoe: 'Tsy afake mizotso zahay.
Laha miarake aminay ty rahalahinay zaene loatse, le hizotso zahay, satria tsy afake ty hahisake ty vatagn'iaze
lehhilahy zahay laha tsy miarake amy ty rahalahinay zaene loatse.[27]Ty mpiasanao ty tompoko ro nitsara taminay
tihoe: ' Hainareo te nisamake roe lahy tamiko ty valiko. [28]Ty raike tamy iaeo le niala tamiko vaho nanao tihoe
raho: "Azo antoke te voampampake reke, vaho tsy nahisake aze raho hatramy zao." [29]Zao laha mangalake iaze
raike atoy amiko kea nareo, le loza ro avy eo amine, le hampizatsake ty volon-dohako amy ty alahelo mandeha
amy ty Fiagnan-tsy hisake nareo.'[30]Vaho, noho zane, lafa avy agne amy iaze mpiasanao raho, vaho tsy miarake
aminay iaze ajajalahy, satria mifamehy amy ty fiagne iaze ajajalahy ty fiaine, [31]te ho avy zane, lafa hisane te tsy
miarake aminay iaze ajajalahy, le ho maty reke. Reo mpiasanao le hampizatsake ty volo foty ty babako mpiasanao
miaraka amy ty alahelo mandeha agne amy ty Fiaigna tsy hisake. [32]Satria ty mpiasanao le fa lasa antoke ho ahy
iaze ajajalahy amy ty babako vaho nitilily: "Laha tsy manday aze eo agnatrehanao raho, le handay heloke eo amy
ty babako zisikam-parane raho.[33]Vaho noho zane, ampoho ragnandria ty mpiasanao hitoboke ho solo iaze
ajajalahy manahke ty andevo ty tompoko, vaho ampoho iaze ajajalahy hiakatse hiarake amy reo rahalahine. [34]Te
amy ty fomba manao akore ro hiakarako agne amy ty babako laha tsy miarake amiko iaze ajajalahy? Matahotse
ty hahisake iaze rate ze ho avy eo amy ty babako raho."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 45

[1]Vaho Josefa tsy nahafehe ty fihitseha ty arofone teo agnoloa reo mpiasa ze nitsanga teo agnilane. Nitsara mafe re
tihoe: "Tsy maintse miala ahike iaby." Le tsy nisy mpiasa nitsanga teo amine lafa nampahafantatse ty vatane tamy
reo rahalahine re Josefa. [2]Nitagny mafe re, le heno reo Egyptiana zane, vaho heno reo tao anjomba ndre Farao.[3]
Nanao tihoe Josefa amy rei rahalahine: "Raho ro Josefa. Mboe velo va ty babako?" Tsy nahavale aze reo
rahalahine, satria tofotse teo agnatrehane iareo.[4]Bak'eo Josefa nitsara tamy reo rahalahine tihoe: "Miharineha
ahike, azafade." Le namonje marine iareo. Nanao tihoe re: "Iraho ro Josefa rahalahinareo, zay navilinareo tagne
Egypta. [5]Ko malahelo na meloke amy ty vatagnareo ty amy ty nivarotanareo ahike tatoy, satria Andragnahare ro
nampandeha ahike miaolo anareo soa hiarova ty fiainareo. [6]Satria teto amy toy tane toy ty kere agnate zay roe
tao zay, vaho mboe hisy dimy tao ze hisy na fiasa tane na famokara.[7]Andragnahare nagnirake ahike hiaolo
anareo soa hitahiry anareo ho sisa eto an-tane vaho hitanjake anreo ho velo amy ty fagnafaha befoloay. [8]Vaho
naho zane tsy narei ro nampandeha ahike tatoy te Andragnahare, vaho reke nanao ahike ho baba ndre Farao,
tompo ty anjombane iaby, naho mpanapake ty atne iaby magnera ahy Egypta.[9]Malaky vaho miakara agne amy ty
babako le talilio amine tihoe: 'Zao ro ambara ndre Josefa anagnao: "Nataon'Andragnahare mpanapake ahy Egypta
raike iaby raho. Mizotsoa atoy amiko, le ko mangatak'andro. [10]hitoboke amy ty tane ndre Gosena iriha vaho ho eo
agnilako, iriha naho reo anagnao vaho reo anagny ty anagnao, naho reo aondre amy ty ose vaho reo aombe, naho
ty fanagnanao iaby. [11]Hagnampe anareo raho , satria mbo haharitse dimy tao ty kere, le tsy ho avy aminareo ty
hararaha, aminao, naho tokantragnonao, vaho ze agnanao iaby."'[12]Ingo, hisa ty masonareo, naho ty maso ndre
Benjamina rahalahiko, te ty vavako ro mitsara aminareo. [13]Ho talilinareo amy ty babako ty mikasike ty hasiko
atoy Egypta naho raraha iaby hisa ty masonareo. Mandena malake nareo vaho andeso mizotso atoy ty
babako."[14]Nandrakoke ty vozo ndre Benjamina rahalahine re le nitagny, vaho Benjamina nitagny teo amy ty
vozone. [15]Nagnoroke ty rahalahine iaby re vaho nitagny teo amy iareo. Tafara zay le nirahake tamine reo
rahalahine.[16]Vaho nitalilie tao anjomba ndre Farao ty vaovao tihoe: "Avy reo rahalahy ndre Josefa." Nahafale
vatagne andre Farao naho reo mpiasane zane. [17]Nanao tihoe Farao tamy ndre Josefa tihoe: "Talilio amy reo
rahalahinao tihoe: 'Amboaro zao: aondrano ty enta ho andesy eo bibinareo vaho mandena agne amy ty tane
Kanana. [18]Andeso ty babanareo naho ty tokantragnonareo vaho mandena atoy amiko. Homeiko anareo ty soa eto
amy ty tane ndre Egypta, vaho hitava ty vondreky ty tane nareo.'[19]Vaho omea lily nareo tihoe: 'Amboaro zao,
mangala sarety amy ty tane Egypta ho ahy ty anagnareo naho ty valinareo. Andeso ty babareo le mandena atoy.
[20]Ka misalasala ty amy reo fanagnanareo te nareo ze soa eto amy ty tane iaby magnera andre Egypta.'"[21]Kea le
natao reo anagn'Israely zane. Nomey ndre Josefa sarety iareo arake ty nandilia ndre Farao, vaho nagomey aiereo
vatia ho andesy egne an-dala. [22]Nomeine akanjo hisoloa iaby iareo, te benjamina kea nomeine sakely volafoty
telonjato naho akanjo hisoloa dimy. [23]Zao ro nalefane ho ahy ty babane: boriky lahy folo nanday reo zaka-soa
ndre Egypta; vaho boriky vavy folo nanday vare naho mofo, vaho vatia hafa ho ahy ty babane andesy egne an-
dala.[24]Le nampandenanenreo rahalahine le lasa iareo. Nanao tihoe reke tamy iareo: "Ko mifamale egne an-dala
nareo." [25]Le niakatse bak'ao Egypta iareo le avy tagne amy ty atne Kanana, ho agne amy ndre Jokoba babane.
[26]Nitsara tamine iareo tihoe: "Mboe velo Josefa, vaho mpanapake ty tane Egypta raike iaby reke." Nivalike ty
arofone, satria tsy nino ze natalily iareo aze.[27]Natilily iareo tamine ty tsara iaby nambara ndre Josefa aiereo. Lafa
hisa ndre Jakoba ty sarety ze nalefa ndre Josefa soa handesa aze, le velo ndraike ty fagnahy ndre Jakoba baba
iareo. [28]Nanao tihoe Israely: "Ampy zay. Moboe velo Josefa anako. Handeha raho vaho hivamba aze miaolo ty
havilasiko."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 46

[1]Niala niarake tamy ze nanagnane Israely vaho nandeha agne Beri-sheba. tao ro nagnomezane fagnatitse ho ahy
Andragnaharen'Isaka babane. [2]Nitsara tamy Israely tao agnete fahisaha Andragnahare ty halike, le nanao tihoe: "
Jakoba, Jakoba." Nanao tihoe re: "Intoy raho." [3]Nanao tihoe reo: "Raho ro Andragnahare, Andragnahare ty
babanao. Ko matahotse ty hizotso ho agne Egypta, te hataoko firenena befoloay agne iriha. [4]Hiarake aminao
hizotso ho agny Egypta Raho, vaho Iraho handay anao himpoly hiakatse vatagne vaho ty tagna ndre Josefa ro
hanondro ty fanjonao amy ty tagnane.[5]Niare tao Beri-sheba re Jakoba. Nanday andre Jakoba babane, reo anagne,
naho reo valine, tamy ty sarety nalefa reo Farao soa handay aiereo ty anagn'Israely. [6]Nandesy iareo ty biby
fiharene naho ty fanagna iareo ze fa azone tao amy ty tane Kanana. Nilitse tao Egypta iareo, niarake tamy ndre
Jakoba naho reo taranagne iaby. [7]Nandesy niarake tamine tagne Egypta reo anandahine naho reo zafine lehilahy,
reo anak'ampelane naho reo zafine ampela, vaho reo taranagne iaby.[8]Reto ro agnara ty anagn'israely zay avy
tagne Egypta, Jakoba naho reo anagne: Robena, taolagnolo lehilahy ndre Jakoba; [9]reo anadahy ndre Robena re
Hanoka naho Palo naho Hezrona vaho karmy; [10]reo anagne ndre Simeona, le re Jemoela, Jamina, Ohada, Jakina,
Zohara, vaho Saoly, reo anandahy iaze ampela Kananita; [11]reo anandahy ndre Levy le Gersona, Kehata, Merary.
[12]Reo anandahy ndre joda: Era, Onana, Sela, Fareza, vaho Zera (te re Era naho Onana maty tagne amy ty tane
Kanana). reo anandahy ndre Fazera le re Hezrona naho Hamola. [13]Reo anandahy ndre Isakara le re Tola, Pova,
joba, vaho simrona; [14]Reo anandahy ndre zebolona le Sereda, elona, vaho Jahalela. [15]Reo ty anandahy ndre Lea ze
naterane tamy ty Jakoka tagne Padana-Arama, miarake amy ndre Dina anak'ampelana. Niisake telopolo telo
amby reo anandahine naho reo anak'ampelane.[16]Reo anandahy ndre Gada le re Zifiona, Hagy, Sony, Ezbona, ery,
Aroda, vaho Arely. [17]Reo anandahy ndre Asera le Jimna, Jisva, Jisvy, vaho Beria; vaho re Sera ro anak'ampela
iareo. Reo anandahy ndre Beria le Hebera naho Malkiela. [18]Reo ro anandahy ndre Zilpa, ze nomey ndre Labana
ahy ndre Lea anak'ampelane. Reo ro anandahine naterane tamy ndre Jakoba__folo enign'ambe ro fiahroane.[19]Reo
anandahy ndre Rahely valy ndre Jakoba le Josefa naho benjamina. [20]Nisamake andre Manase naho Efraima tamy
ndre Asenta, anak'ampela ndre Potifera mpisoro tao Ona re Josefa tagne Egypta. [21]Reo anandahy ndre Benjamina
le re Bela, Bakera, Gera, Asbela, gera, Naman, Ehy, Rosy, Mopima, Hopima vaho Arda. [22]Reo ro ana ndre Rahely
nateragne tamy ndre Jakoba__folo efatsa amby ro fitambarane.[23]Ty anandahy ndre Dana le re Hosima. [24]Reo
anandahy ndre Naftaly le Jaziela, Gony, Jezera, vaho silema. [25]Reo ro anandahy natera ndre Jakoba tamy ndre
Bila, ze nomey ndre Labana ahy ndre Rahely anak'ampelane__fito ty fiharoane[26]reo iaby ze nandeha agne Egypta
niarake tamy ndre Jakoba, ze taranagne, laha tsy isahy reo vale ty anandahine, le enimpolo enign'ambe
fiharoane. [27]Fitopolo ty fiharoane ty asaveregnane nandeha agne Egypta, niarake tamy ty anandahy ndre Josefa
roe zay naterane tagne Egypta.[28]Nirahy ndre Jakoba hiaolo lalagn'aze mandeha agne amy ndre Josefa re Joda soa
hanoro lala aze ho agne Gosena, vaho le avy tagne amy ty tane ndre Gosena iareo. [29]Nihetse ty saretine Josefa
vaho lasa niakatse nisalaka andr'Israely babane. Nahisake aze re, nandrakoke ty vozogne, vaho nitagny ela teo
amy ty vozone. [30]Nanao tihoe Israely tamy ndre josefa tihoe: "Lonike ho mate amy zay raho, satria fahisake ty
vatagnao, te mboe velo iriha."[31]Josefa nitsara tamy reo rahalahine naho reo hasaveren-draene tihoe: "Hiakatse
raho vaho hitalily amy ndre Farao, le hitsara tihoe: Fa avy ato amiko reo rahalahiko naho reo longo ty babako ze
tagne amy ty tane Kanana. [32]Mpiambe aondre reo lehilahy reo, satria mpikolokolo fihare iareo. Nandesy iareo,
vaho zay iaby anagnane.'[33]Vaho lafa mikaike anareo Farao vaho magnontane tihoe: 'Ino ro asanareo?' [34]le tokone
hitsara nareo te: 'Reo mpiasanao le fa mpikolokolo biby fihare nanomboke mboe kele zisik'amy zao, le zahay
naho ty razagnay.' Ataovo zane soa hazahoanareo mitoboke amy ty tane ndre Gosena, satria fahalotoa ho ahy ty
Eptiana ty mpiarak'aondre iaby."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 47

[1]Le niziliky Josefa vaho nitsara tamy ndre Farao tihoe: "Avy bak'agne amy ty tanr Kanana ty babako naho reo
rahalahiko, reo tarik'aondre, ty biby fihare vaho ty zaka iaby ze anagna iareo. Ingo, ao amy ty ndre Gosena
iareo." [2]Vaho nangalake dimy tamy reo rahalahine re Josefa le nampahatare aiereo tamy ndre Farao.[3]Nanao tihoe
Farao tamy reo rahalahine: "Ino ro asanareo?" Nanao tihoe iareo tamy ndre Farao: "Mpiarake aondre ty
mpiasanao, manahake reo razambeinay avao." [4]Vaho nanao tihoe ndraike iareo tamy ndre Farao: "Avy ho bahiny
fohike amy toy tane toy zahay. Tsymisy akanta ho ahy ty fihare ty mpiasanao, satria mafana ty kere agne Kanana.
Kea amy henanezao vaho, mba ampoho ragnandria ty mpiasanao hitoboke eo amy ty tane Gosena."[5]Vaho
nirehake tamy ndre Josefa reo Farao, nanao tihoe: "Avy teto aminao ty babanao naho ty rahalahinao. [6]Eo
agnoloanao ty tane Egypta. Ampitoboho ao amy ty faritse soa loatse ty babanao nahoreo rahalahinao, le ty tane
ndre Gosena. Laha mahafantatse ndaty mahay amy iareo riha, le ampitano ty biby fihariko reo."[7]Bak'eo le
nandesy ndre Josefa niziliky re Jakoba vaho nampahafantarine andre Farao. Nitsi-pirano andre Farao re Jakoba.
[8]Nanao tihoe Farao tamy ndre Jakoba: "Firy tao zay ty nivelomanao?" [9]Jakoba nitsara tamy ndre Farao ftihoe:
"Telopolo amby zato zay ro tao ty liako. Fohike vaho nagirifiry ty andrompiaignako. Tsy mba lava manahake ty
ahy ty razako reo." [10]Vaho nitsi-pirano andre Farao reo Jakoba le niboake niala teo amy ty fagnatrehane.[11]Tafara
zane le nampitoetse ty babane naho reo rahalahiny re Josefa. Nagnomey efe-tane ho aiereo tao amy ty tane
Egypta re, azy tane soa loatse, tao amy ty tane ndre Ramesesa, arake ty nandilia ndre Farao. [12]Nagnomey
mahatanjake ho ahy ty babane, nahoreo rahalahine, vaho ty haserevegna ty babane iaby re Josefa, arake ty isake
ty anagne iaby.[13]Vaho tsy nisy mahatanjake teo amy ty tane iaby; satria mafana ty kere. Simba ty atne Egypta
naho Kanana noho ty kere. [14]Navory ndre Josefa tamy ty alala ty fivarota vare tamy reo vahoake iaby ty drala
iaby teo amy ty tane Egypta naho ty tane Kanana. bak'eo le nandesy ndre Josefa tao an-dapa ndre Farao ty drala.
[15]Lafa lane iaby ty drala ty tane Egypta naho tane Kanana, le nandeha eo amy ndre Josefa iaby ty Egyptiana iaby
nanao tihoe: "Omeo mahatanjake zahay! Nanao akore zahay ro ho mate eto agnatrehanao satria lany ty
dralanay?" [16]Nanao tihoe Josefa: "Laha lany ty dralanareo andeso atoy ty biby fihanarinareo vaho hagnomey
mahatanjake ho anareo raho ho solo ty biby fiharinareo." [17]Kea le nandesy iareo teo amy ndre Josefa ty biby
fihary iareo. Nomey ndre Josefa mahatanjake iareo ho solo ty soavaly, ty aomby, ty aondre vaho reo ampondra.
Nivokisane mofo iareo ho solo ty biby fiharine tamy zay tao zane.[18]Lafa tapitse zane fotoa zane, le avyu teo amine
ndraike iareo ty tao magnarake vaho nitsara tihoe: "Tsy hamony amy ty tomponay zahay te lane vatagne ty
dralanay, vaho toko ty biby fiharinay le fa ahy ty tomponay. Tsy misy na ino na ino mipoke eo amy ty fanjo ty
tomponay, ankoatsy ty vatagnay naho ty tanenay. [19]Nanao akore zahay ro ho mate eo amy ty fanjonao, zahay
naho ty tanenay? Vilio zahay naho ty tanenahy ho solo ty hane, le ho mpiasa ndre Farao zahay naho ty tanenay .
Mba omeo vao zahay soa ho velo te tsy ho mate, vaho soa tsy ho rava ty tanenay."[20]Kea le nivilia ndre Josefa ho
ahy ndre Farao tane Egypta iaby, satria namily ty tanine iaby ty Egyptiana iaby fa mafana vatagne ty kere. Tamy
zay le lasa ndre farao ty tane. [21]Laha ty amy ty vahoake, le nataone ondevo tagne amy ty tane antsisigny Egypta
raike zisik,agne amy ty ilane hafa iareo. [22]Ty tane ty mpisoro avao ro tsy nivily ndre Josefa, satria nomeine
tombone reo mpisoro. Nitava tamy ty anjara nomey ndre Farao aze iereo. Noho zane le tsy nivarotse ty tanine
iareo.[23]Vaho nanao tihoe Josefa tamy ty vahoake: " Ingo, faniviliko ho ahy ndre Farao nareo naho ty tanenareo
amizao, Vaho itoy misy voa ho anreo, le hamboly eo amy ty tane nareo. [24]Amy ty famokara, le tsy maintse
magnomey ty ampaha-dimine ho ahy ndre Farao nareo, vaho ty vaho ty ampahane efatse ho anareo arere, soa ho
tahiry ho ahy ty tane soa ho hane ho ahy ty hasaveregnanareo naho ty anagnareo."[25]Vaho nanao tihoe iareo:
"Nagnavotse ty fiaignay iriha. Lonike vatagne le hahisake fitea eo amasoanao zahay. Ho mpiasa ndre Farao
zahay." [26]Kea natao ndre Josefa lily nihatra teo amy ty tane Egypta zane zane zisikamy zao andro zao, te ty raike
ampaha-dimine le ahy ndre Farao. Ty tane ty mpisoro avao ro tsy lasa ndre Farao.[27]Kea nitoboke tagne amy ty
tane Egypta, tao amy ty tane ndre Gosena ty Israely. Nahazo fanagna tagne ty vahoagne. Namokatse bey iareo
vaho nitombo isake mafe. [28]Nitoetse tagne amy ty tane Egypta folo fito amby tao re Jakoba, zato naho fito amby
efapolo tao ty androm-piaignane.[29]Lafa mariny ty fotoa hahavilasy ty Israely, le nikaike andre Josefa anagne reke
vaho nanao tihoe tamine: "Laha nahisake fitea teo amasonao raho, le apoho eo ambany ty feiko ty tagnanao, vaho
ampiseho fatokia naho fahamendreham-pitokia raho. Ko halevy eto Egypta ragnandria raho. [30]Lafa vilasy
miarake amy reo razako raho, le handesinao miboake andre Egypta vaho halevinao agne amy ty valavato ty
razambeiko." Nanao tihoe Josefa: "hanao arake zay nitalilienao raho." [31]Nanao tihoe Israely: " Mifanta amiko,"
vaho nifanta tamine re Josefa. Bak'eo le nihohoke teo an-doham-pandreane Israely.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 48

1vaho tao afara zane raraha zane, le nisy nitalily tamy ndre Josefa tihoe: "Ingo, marary babanao." Le nandesine
niarake tamine ty anane mirahalahy, Menase naho Efraima. 2Lafa nitalilia Jakoba tihoe: "Ingo, Josefa
anandahinao avy hivamba anao," le namory here Israely le nirene nitoboke teo am-pandreane.3Nanao tihoe
Jakoba tamy ndre Josefa: "Andragnahare Tsitoha fa niseho tamiko tagne lozy tagne amy ty tane Kanana. Nitsi-
pirano ahike Re 4le nanao tamiko tihoe: "Ingo, hampamokatse, naho hahamaro anao Raho. hahaavy firenana
maro bak'aminao Raho. Le homeiko ty taranagnao toy tane toy ho fanagna zisikam-parane.'5Vaho reo anagnao
mirahalahy, zay terake ho anao teto Egypta taloha ty namonjeako anao ho eto Egypta, le ahike. Efarima naho
Manase le ho ahike, manahake ty ahike andre robena naho Simeona. 6Ajaja terake afara iareo ro ho anao; ho
isafy iareo ty agnara reo rahalahine arake ty lova iareo. 7Vaho iraho, laha raho bak'agne Padana-Arama, le mate
teo agnatrehako tegne an-dala tagne amy ty tane Kanana re Rahely, laha kele sisa ro ty nahaavy anay tao Efrata.
Naleveko tegne an-dala ho agne Efrata reke" (zay atao tihoe, Betlehema).8Kea lafa hisa ndr'Israely reo anagne
ndre Josefa, le nanao tihoe re: "Nao gnan'ia reto?" 9Le nanao tihoe Josefa tamy babane: " Anako reo zay nomey
Andragnahare ahike tatoy." Le nanao tihoe Israely andeso magn'amiko atoy iareo, soa honipaziko rano aze."
10Vaho fa nanjavo ty maso ty Israely noho ty hahantitsine, le tsy afake mahisake re. Le nampamonje ndre Josefa
aze iareo noho zane, le nagnoroke naho nandrakoke aiereo reke.11Nanao tihoe Israely tamy ndre Josefa: "Tsy
nieretseretse ty hahisake ty vatagnao ndraike raho, feie napon'Andragnahare ho hisako na ty anagnao." 12Le
nafaha ndre Josefa teo ampagnivoa ty ongone ty Israely iareo, vaho nandohalike tamy ty tane reke. 13Le nafa ndre
Josefa ie mirahalahy, Efraima teo an-tagnan-kavanane ho eo an-tagnan-kavia ty Israely, vaho Manase teo an-
tagnan-kaviane magnatrike ty tagnan-kavana ty Israely, le nanday aiereo soa harine aze.14Le navelatsy ty Israely
ty tagnane havana le napone teo ambony ty loha ndre Efraima, iaze zaine, vaho ty tagnane havia teo ambony ty
loha ndre Manase. nafamadine ty tagnane, satria Manase ro taolagnolo. 15Le nitsi-piranoandre Josefa Israely, le
nanao tihoe: " Iaze Andragnahare zay nandeha tro aolo ndre Abrahama naho Isaka, iaze Andragnahare zay
nitahy ahike zisik'amy henanezao, 16iaze anjele zay niaro ahike tamy ty rate iaby, hitahy reto ajaja lahy reto. Ho
tonogne ao amy iareo vatagne ty agnarako, vaho agnara ndre Abrahama naho Isaka razako. Holahialy eto an-
tane vatagne iareo."17Kea lafa hisa ndre Josefa te napo ty babane teo amy ty loha ndre Efraima ty tagnane an-
kavana, le tsy tea zane reke. Le nafahane tsy ho eo amy ty loha ndre Efraima ty tagna ty babane le nafalone teo
ambony ty loha ndre Manase. 18Le nanao tihoe Josefa tamy ty babane: "Tsy zao ro ie, babako; te itoy ro taolagnolo.
apoho eo ambony ty lohane ty tagnanaop an-kavana."19Le tsy nagnina ty babane le nanao tihoe: "Haintso, ty
anako, haintso. Ho avy firenena, naho ho avy befolay avao kea re. Vaho ty zaine kea le ho befoloay noho re, vaho
ho avy firenena maro ty taranagny." 20Zao tsara zao ro nitsaza Israely rano aiereo tamy zane andro zane: "Amay ty
agnaranareo ro hanognona ty vahoagn'Israely fitahia hanao tihoe: 'Andragnahare vatagne hahaavy anareo
manahake andre Efraima naho Manase.'"Zane ro fomba, nametraha Israely andre Efraima ho eo aolo ndre
Manase.21Nanao tihoe Israely tamy ndre Josefa: "Ingo, fa ho mate raho, feie Andragnahare hiaro anao, vaho
handay anao himpoly agne amy ty tane reo razanao. 22Ho anao, zay ambone noho re rahalahinao, le omeiko anao
ty zaratane ze nalako tamy ty Amorita tamy ty mesako naho ty kiditsiko."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 49

1 Bak'eo nampikaike re anandahine Jakoba, vaho nitsara tihoe: "Mivoria nareo. soa hazahoako mitalily aminareo
ze hiseho aminareo amy ty ho avy. 2 Mivoria mitsanogna, nareo anandahy ndre Jakoba. Mitsanoa ahy ty Israely,
babanreo. 3 Ty Robena, iriha ro taolagnoloko, ty mahereko, vaho ty fiandoha ty hereko, miavake amy ty
fahamendreha, vaho miavake amy ty fahefa. 4 Tsy vofehy manahake ty rano mandeha mafe, ro tsy hahazo ty
lohane iriha, satria niankatse teo amy ty fandrea ty babanao iriha. Bak'eo nandoto zane iriha; niakatse teo amy ty
fandreako iriha. 5 Simeona naho Levy le mpirahalahy. Reo fitaova fialia ty herizakaro meso iareo. 6 Ty fagnahiko, ko
mizilike ao amy reo filan-keve iareo; ko mizilike ao amy ty fivoria iareo, te ty arofoko bey hase loatse laha hoi ahy
zane. Te tao agnaty ty fasiake iareo ro namoane ndaty. Ho fahafinareta ro nitomboah iareo aombe. 7 Lonike
hozogne ty helo iareo, te nasiake zane__vaho ty faharomota iareo agne amy ndre Jakoba raho vaho
hampibognake aiereo agne amy ndr'Israely. 8 Ty joda, hiantsa anao reo rahalahinao. ho eo am-bozo reo
fahavalonao ty tagnanao. Handohalike eo alohanao reo anandahy ty babanao. 9 Joda le ana ty liona. Ty anandahy,
niakatse tamy reo fandresea iriha. Le nihohoke re, nifififify manahake ty liona, manahake ty liona vave. Ia ro
hahasaky hamoha aze? 10 Ty fitogno ty mpanjaka le tsy hiala eo amy ndre Joda, na reo fitogno reo mpanapake eo
ampagnivoa ty tongone, zisikem-piavia ndre Silo. Hagneke aiereo firenena. 11 Nandrohy ty ampondrane teo amy ty
voaloboke, vaho ty ana-birikine teo amy ty voaloboke voafily, le nanasa reo fisikinane tao ampo ty divay re, vaho
ty akanjo lavane tao ampo ty liom-boaloboke. 12 Ho mainte manahake ty divayreo masone, vaho ho foty manahake
ty ronono reo nifine. 13 Hitoboke eo agnolon-driake re Zebolona. Ho fitoboha reo sambo re, vaho hihitatse agne
Sidona ty efe-tanine. 14 Isakara le ampondra matanjake, mandre ampagnivoa reo valan'agnondre. 15 Mahisake toera
fitofa soa naho tane mahafinarirsse re. Hagnondreke ty sorone ho amy ty enta-mavesatse re vaho ho lasa mpiasa
ho ahy ty asa. 16 Hitsara ty vahoagne manahake ty raike amy reo arofo Ty Israely re Dana. 17 Ho bibilava mariny ty
lala re Dana, bibilava misy poizy eo amy ty lala zay matifatsy reo lohatondro tomboke ty soavaly, le lavo ty mpijo
zane. 18 Mandagny ty famonje raho, Yaveh. 19 Gada__hanafike aze ty antokone te hanafike aiereo eo amy ty
lohatomboke iareo re. 20 Ho soa ty hane ndre Asera, vaho hagnomea hane soa ty mpabjaka re. 21 Naftaly le diera
vave nivaha, hana biby soa tarehe re. 22 Josefa le jebam-bokatse, jebam-bokatse marine ty lohatao, zay ty jebane le
manganike mihoatse ty fefe. 23 Reo mpandefa kiditsy le hanafike aze vaho hitifitse aze naho hampijale aze. 24 Te ty
kiditsine le hijano hateza, vahoreo tagnane le hahay hamboatse noho ty tagna iaze mahere ndre Jakoba, noho ty
agnara ty Mpiarake aondre, ty vatobey ty Israely. 25 Ty Andragnahare ty babanao le hagnampe anao vaho ty
Andragnahare Tsitoha hitahy anao amy reo fitahia ty lagnitse ambone, reo fitahia ty lalike ze nandre ambane,
vahi reo fitahia ty aragna naho troke. 26 Reo tsipi-rano ty babanao le befoloay noho reo fitahia reo vohitse taloha na
reo raraha iry reo kaboa taloha. Ho eo an-doha ndre Josefa vatagne reo, le eo amy ty satroke ty hase ty loha ty
printsy reo rahalahine. 27 Benjamina le amboaly kere. Aamy ty maray lehagnapake ty haza re, vaho amy ty hariva
le hizara ty voarava re." 28 Reo ro foko folo roa amby ty Israely. Zane ro nitalily ty babane tamy iareo lafa nitsipi-
rano aiereo reke. Ty kiraikirake iaby le nitsipazy rano tamy ty fitsipaza rano mifagnarake iaby. 29 Le nandily aiereo
re vaho nanao tamy iareo tihoe: "Fandeha agne amy ty vahoakako raho. Alevegno miarake amy reo razam-beiko
ao am-balavato zao ao amy ty baibo ndre Efrona Hitita raho, 30 ao amy ty valavato zay ao amy ty baibo ndre
Makpela, zay marine mamre ao amy ty tane Kanàna, ty baibo ze nivily ndre Abrahama ho toera fandevagna
tagne amy ndre Efrona Hetita. 31 Tao ro nandevegna iareo andre Abrahama naho Saraha valine: tao ro
nandevagna iareo andr'Isaka naho Rebeka valine vao tao ro nandevagnako andre Lea. 32 Ty baibo naho ty
valavato zay tao agnate zane le nivily tamy reo vahoagne ndre heta. 33 Lafa vita ndre Jakoba tamy reo anane zane
lily zane, le namoritse ty tombone ho egne ampandrea re, le niala ay, vaho nandeha nangnagny amy ty ndatine.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 50

[1]Vaho nalahelo mafe Josefa le nihohoke teo amy ty vata ty babane, nqho nitagny teo amine, vaho nagnoroke aze
re. [2]Nandily reo mpitsabo piasane re Josefa soa hagnosotse zaka-magnitse ty babane, Vaho le nihosora reo
mpitsabo zaka-magnitse tty Israely. [3]Nangalake efapolo andro iareo, te zane ro fetra ty andro ty fagnosora.
Nitagny aze agnate fitopolo andro reo Egyptiana.[4]Lafa tapitse ty andro fisaogna, le niresake tamy ty tao anjomba
ndre Farao reo Josefa nitsara tihoe: " Laha fanahisake fitea teo amasonareo raho, le mba talilio ragnandria Farao
tihoe: [5]'Fa nampifanta ahike ty babako, nitsara tihoe: "Ingo, fa ho mate raho. Halevegno ao amy ty valavato zay fa
niviliko ho ahike agne amy ty tane Kanana raho. Agne ro handevagnanao ahike." Amy henanezao apoho raho
hiakatse vaho handeve ty babako, vaho himpoly raho bak'eo.'" [6]Farao namale tihoe: "Mandena vaho Alevegno ty
babanao, arake ty nampifantane anao."[7]Niakatse handevy ty babane Josefa. Niarake nandeha tamine reo
mpanapa ndre Farao iaby__reo ndaty ambony tao an-drovane, vaho reo lehibey ty mpanapake iaby tao amy ty
tane Egypta, [8]Miarak'amy reo hasaveregnane ndre Josefa naho reo rahalahine iaby, vaho ty hasaveregna babane.
Te reo anagne, reo aondre amy ty ose, vaho ty aomby iareo kea ro napoke tao amy ty tane Gosena. [9]Niarake
tamine avao kea reo sarety naho reo mpijo soavale. Le vahoake lahialy zane.[10]Lafa niavy teo amy ty famoloana re
Goren-atada ampita ndre Jordana iareo, le nisao mafe naho tamy ty fahoria lihebey iareo. Nanao fisaogna fito
anf=dro ho ahy ty babane teo Josefa. [11]Lafa hisa reo vahoagne ty tane, Kananita, ty fisaogna teo amy ty famoloa
ndre Goren-atada, le nanao tihoe iareo: "Fotoa vatagne mampalahelo ho ahy reo Egyptiana zao." Zane ro nahaavy
ty toera kinaike tihoe Abela-Mizraima, zao ao an-dafy ndre Jordana.[12]vaho le natao reo anandahine tamy ndre
Jakoba arake zay nandaliane aiereo. [13]Nitarajoa reo anandahine nangnagne amy ty tane Kanana reke vaho nalevy
iareo tao an-dava-bato tao amy ty baibo ndre Makpela, agnila ndre Mamre. Nivily ndre Abrahama ho toera
fandevegna ty lava-bato miarake amy ty baibo. Niviline tamy ndre Efrona Hetita zane. [14]Lafa vita levine ty
babane, le nimpoly tagne Egypta re Josefa, naho reo rahalahine, vaho reo iaby ze niarake tamine soa handevy ty
babane.[15]lafa hisa reo rahalahy ndre Josefa te maty ty baba iareo, le nanao tihoe iareo: Hanao akore laha mbo
mitàn-keloke amintika Josefa vaho te-hamaly antika ty amy zay rate iaby nataontika tamine?" [16]Kea le nandily ty
fagnatreha ndre Josefa iareo, le nitsra tihoe: "fanagnomey baiko ty babanao taloha ty havilasine, nitsara tihoe:
[17]'Talilio amy ndre Josefa zao: "Mamelà ragnandria amy ty fandikan-dily naho faharatea reo rahalahinao tamy
zay rate natao iareo taminao.'" Amy henanezao le mamelà ragnandriareo mpiasa ty Andragnahare ty
babanao."Nitagny re Josefa lafa nirehake tamine iareo.[18]nandeha avao kea reo rahalahine vaho nandohalike ty
vatane teo agnatrehane. Nanao tihoe iareo: "Intoa zahay mpiasanao." [19]Te Josefa namale aiereo tihoe: "Ko
matahotse. Nao eo amy ty toera ty Andragnahare va raho? [20]Te nareo, nisafiry ty hanao rate anareo ahike, feie
Andragnahare le nisafiry zane ho amy ty soa, soa hiarova ty fiay ty vahoake lahialy, arake ty vambanareo amizao.
[21]Kea may henanezao ko matahotse. hagnampe anareo naho ty ajaja malinignareo raho." Nampionogne aiereo
manahake zane re vaho nirehaka tam-piteava tamy ty arofone iareo.[22]Nitoboke tagne Egypta re JOsefa, niarake
tamy ty hasaveregna babane. Niay folo amby zato tao reke. [23]Nahisake reo ana ndre Efraima zisik'amy ty taranake
fahatelo re Josefa. nahisake reo ana ndre Makira anandahy ndre Manase avao kea reke, ze natsanga ndre Josefa.
[24]Nanao tihoe Josefa tamy reo rahalahine: ; fahomate raho; te ho avy aminareo vatagne Andragnahare vaho
hitarike anareo hiala eto amy toy tane toy ho agne amy ty tane zay nifantane homey andre Abrahama, Isaka,
vaho Jakoba." [25]vaho Josefa nampifanta fifanta ty vahoagn'israely. Nanao tihoe reke: "Ho avy aminareo vatagne
Andragnahare. Amy zay fotoa zay le tsy maintse andesinareo miala eto ty taolako." [26]Vaho le maty Josefa, lafa 110
tao. nihosoragn'iareo zaka-magnitse vaho napoke tao ampo ty hazo tagne Egypta reke.

# Exodus

Chapter 1

[1]Reto ty agnara reo anandahy Israely ze n nagnangne Egypta niarake tyamy ndre Jakoba, ze niarake tamy reo
asaveregnane iaby: [2]Robena, Simeona, Levy vaho Joda; [3]Isakara, zebolona, vaho Benjamina, [4]dana, Naftaly, Gada
vaho Asera. [5]Reo taranagne ndre Jakoba iaby le miisake fitopolo. Josefa kea le fa tagne Egypta.[6]Vaho vilasy re
Josefa, naho ty rahalahine iaby, vaho reo taranake iaby reo. [7]Namokatse reo Israelita, nitombo hatragne ty
isagn'iareo, vaho lasa natanjake vatagne; feno aiereo ty tane.[8]Vaho le nisy mpanjaka vaovao nanjaka nagnera ahy
Egypta, ze tsy nahay ty mikasike andre Josefa. [9]Nanao tihoe re tamy reo vahoakine: "Ingo, reo Israelita le maro
agn'isake naho mantajake vatagne noho itika. [10]Mamonjea, lonike itika hanao tsara am-pilongoa amy ty
fahendrea amy iareo, vaho laha vaky ty aly, le hamonje reo fahavolontika iareo, hilay amintika, vaho hiala ty

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

tane[11]Kea le nametrake mpifehy iareop mba hampinjale aireo amy ty asa mafe. Nagnamboatse tanà fitahiria ho
aho ndre Farao reo Israelita: Pitoma naho Ramesesa. [12]Feie vomaike nitombo agn'isa naho nipritake reo Israelita.
Kea le nanomboake natahotse reo Israelita reo Egyptiana.[13]Nampiasa reo Egyptiana mafe reo Israelita. [14]Nataone
mafaitse ty fiaigna iareo tamy ty fiasa mafe tamy ty fanaova fotake naho birike, niarake egne am-baibo. Ty asa
iaby nitakene tamy iareo le mafe iaby.[15]Vaho niresake tamy reo mpitsabo Hebreo ty mpanjaka ty Egypta; ty
agnara ty raike le Sifra, vaho ty raike Poa. [16]Nanao tihoe re: "Lafa magnatrike reo ampela Hebreo eo amy ty seza
fiteraha nareo, le araho maso iareo lafa miterake. laha ajaja lehilahy zane le tsy maintse hovonoanareo reke; te
laha ajaja ampela kea, le afake amponareo ho velo." [17]Te nahotse ahy Andragnahahre reo mpitsabo le tsy nanao
ze nandilia ty mpanjaka ndre Eg ypta aiereo; nampo iareo ho velo reo ajaja lehilahy.[18]Nampikaike reo mpitsabo ty
mpanjaka ndre Egypta le nitsara tamy iareo tihoe: "Nanao akore ro nanao zao nareo, vaho nampipoke reo ajaja
lehilahy kele ho velo? [19]Le namale ahy re Farao reo mpitsabo tihoe: "tsy mitovy amy reo ampela Egyptiana reo
ampela Hebreo. Henja iareo le fanahavita nampiboake ajaja mialoha ty hiavia ty mpitsaboagne amy
iareo."[20]Narova Andragnahare reo mpitsabo reo. Nitombo agn'isake reo vahoake vaho vatagne niha-henja.
[21]Satriaa natahotse ahy Andragnahare reo mpitsaboi, le nomeine asaveregna iareo. [22]Nandily reo vahoagne iaby
farao tihoe: "Tsy maintse harianareo agne amy ty vavarano ty ajaja lehilehy iaby ze vo terake, te ty ajaja ampela
hamponareo ho velo."

## Chapter 2

[1]Vaho nisy lehilahy raike bak'amy ty foko ndre Levy nanambaly anak'ampela ndre Levy. [2]Nibevoka iaze ampela le
nisamake ajajalahy. Lafa hisane te ajajalahy salama reke, le navonine agnate telo vola.[3]Te lafa tsy afake naminy
aze sase re, le nangalake haro nirary tamy ty ankata vaho nampitiy tamy ty liten-tane naho lite zane. Bak'eo le
nampilirine tao iaze ajajakele le natobone tegne sisy ty sihanake zane. [4]Nitsanga baka lavitse ty rahavavine soa
hanete ze hahazo aze.[5]Nizotso niandro tegne amy ty sihanake ty anak'ampela ndre Farao laha nandehandeha
nagnarake ty sisy ty sihanake reo mpiasane. nahisake ty haro teo amy ty volotara re le nagnirake ty mpiasane
hangalake zane. [6]LAfa nanokatse zane re, le nahisake iaze ajajakele. Ingo, nitamogny iaze ajaja. Nahaferegnay aze
re le nanao tihoe re: "Azo antoke te raike amy reo ana Hebreo toy."[7]Vaho nanao tihoe iaze rahavavy iaze ajajakele
tamy ty anak'ampela ndre Farao: "Tokone handeha vaho hipay ampela Hebreo soa hiteza iaze ajaja ho anao vao
raho?" [8]Le nanao tihoe anak'ampela ndre Farao tamine: "Mandena." Kea le nandeha iaze somondrara vaho
nangalake ty rene iaze ajaja.[9]Nanao tihoe anak'ampela ndre Farao tamy ty rene iaze ajajakolo tihoe: "Rambeso
toy ajaja toy le tezao ho ahike, vaho homeiko karama iriha." Le nirambesene iaze ampela iaze ajaja vaho
nitezaine. [10]Lafa nihabey iaze ajaja, le nandesine tagne amy ty anak'ampela ndre Farao, le lasa anane. Nomeine ty
agnara tihoe Mosesy re vaho nanao tihoe re: "Satria namoake aze bak'egne amy ty rano raho."[11]Lafa bey re
Mosesy, le niboake tegne amy reo vahoagne vaho nagnara-maso ty asa mafy iareo. nahisakae Egyptiana raike
namono Hebreo raike reke, raike amy reo vahoagne. [12]Nivamba tetia naho teroa re, vaho lafa hisane te tsy nisy
ndaty teo, le nivonoane iaze Egyptiana vaho navinine tao agnate fasike ty fatine.[13]Niboake re ty hamaray, vaho,
ingo, nisy Hebreo roe lahy nialy. Nanao tihoe re tamy iaze diso: " Nanao akore irha ro mimofoke ty namanao?"
[14]Te nanao tihoe iaze lehilahy: "Ia ro nametrake anao ho mpitarike le hitsara anay? Mihevitse ty hamono ahike
manahake ty namonoanao iaze Egyptiana vao iriha?" Bak'eo le niha-natahotse re Mosesy le nanao tihoe: "Lasa
hay reo hafa vatagne ty zaka nataoko."[15]Vaho lafa tsano ndre Farao ty mikasike zane, le nipay ty hamomno ahy
ndre Mosesy re, Feie nilay ahy ndre Farao re Mosesy le nitoboke tagne amy ty tane Midiana. Vaho nitoboke teo
agnila ty lava-drano tagne reke. [16]Vaho nana anak'ampela fito iaze mpisoro ty Midiana. Avy iareo, nangalake
rano, vaho nameno ty tave finoma soa hagnomeza rano ty aondre miarake amy ty aoase ty baba iareo. [17]Avy reo
mpiandre aondre le niezake nandroake aiereo, feie nandeha vaho nagnampe aireo re Mosesy. Lafa nampinomine
rano reo aondre miarake amy ty aosine iareo.[18]Lafa nandeha tagne amy ty Regoela babane reo ampela, le nanao
tihoe re: "Nanao akore ro avy aloha atoy an-tragno nareo androane?" [19]Vaho nanao tihoe iareo: "Nisy Egyptiana
raike nagnavotse anay tamy reo mpiarake aondre. Mboe nangalake rano ho anay naho nampino rano reo aondre
miarake amy ty ose reke." [20]Le nanao tihoe reo tamy reo anak'ampelane: "Le aia re? Nanao akore ro nenganareo
ty lehilahy? Kaiho re soa hiarake hitava amintika."[21]Nagnina hiarake hitoboke tamy iaze lehilahy re Mosesy, ze
nagnomey aze ahy ndre Zipora anak'ampelane avao kea soa ho valine. [22]Nisamake ajajalahy reke, vaho kinaike
ndre Mosesy tihoe Gessoma ty agnarane; nanao tihoe re: "Fa mbahine atoy amy ty tane firenena hafa
raho."[23]Fotoa maro tatoy afara, le maty ty mpanjaka ndre Egypta. Nifoay noho ty asa fagnandevoza reo Israelita.
Nikaike vonje iareo, vaho niakatse tagne amy ty Andragnahare ty fitaraigna iareo noho ty fagnandevoza aiereo.
[24]Lafa heno Andragnahare ty sento iareo, le nahatiaro ty fagnekene tamy ndre abrahama, tamy ndre Isaka, vaho
tamy ndre Jakoba Andragnahare. [25]Vamba ty Andragnahare reo Israelita, le haine ty nahazo aiereo.

Chapter 3

[1]Vaho mboe nandigny ty aondre miarake amy ty ose re Jefro rafozane, iaze mpisoro ty Midiana avao re Mosesy. Le nandesy ndre Mosesy ntagne aambalike ty tane tsy misy raraha ty aondre miarake amy ty ose le avy tagne Horeba, iaze vohitse ty Andragnahare. [2]Teo ro nisehoa iaze anjele Yaveh tamine tamy ty lela ty afo tao ampo voaroy, feie iaze voaroy le tsy nete rava. [3]Le nanao tihoe Mosesy: "Hamonje marineke raho soa hagnateako zao zaka-mahavere zao, nanao akore ro tsy rava iaze voaroy."[4]Kea lafa vamba Yaveh te namonje marinike re soa hivamba, le nikaike aze bak'eo amy iaze voaroy Andragnahare le nanao tihoe: "Mosesy, Mosesy." Le nanao tihoe Mosesy: "Intoy raho." [5]Le nanao tihoe Andragnahare: "Ko marinike loatse! Afaho egne an-tombonao ty kapanao, te ty toera ze itsaganao io le tane fa voatoka ho Ahike." [6]Nampeane tihoe: "Iraho ro Andragnahare ty razagnao, Andragnahare ndre Abrahama, Andragnahare Isaka, vaho Andragnahare ndre Jakoba." Le nanaro ty vatane re Mosesy, satria natahotse ty hivamba ahy ty Andragnahare reke.[7]Nanao tihoe Yaveh: "Hisako vatagne ty fijalea ty vahoako ze tao Egypta. Fa henoko ty fitaraigna iareo noho ty amy reo mpifehy aze, satria haintso ty mikasike ty fijalea iareo. [8]kea nizotso raho soa hagnafake aiereo amy ty fahefa reo Egyptiana vaho nanday aiereo hiakatse baka amy zane tane zane ho agne amy ty tane soa, naho malalake, ho agne amy ty tane feno ronono naho tantele; ho agne amy ty faritse reo Kananita, Hetita, Amorita, Perizita, Hivita vaho reo Jebosita.[9]Amy henane zao fa avy atoy amiko reo fitoreo ty vahoagn'Israely. Vaho kea, fa vambako ty fampijalea natao reo Egyptiana. [10]Noho zane, hagnirake anao ho agne amy ndre Farao Raho soa hahazahoanao handay ty vahoakako, reo Israelita, hiala ao Egypta."[11]Feie nanao tihoe re Mosesy tamy ty Anadragnahare: "Ia moa raho, ro handeha agne amy ndre Farao le handay reo Israelita hiala ao Egypta?" [12]Le namale Andragnahare tihoe: "Hiaro anao vatagne Raho. Zao ro famantara ho anao te fa nagnirake anao Raho. Lafa tafaboakinao bak'ao Egypta ty vahoake, le hiasa Ahike eto amy toy vohitse toy nareo."[13]Le nanao tihoe Mosesy tamy ty Andragnahare: "Laha ho agne amy reo Israelita raho le hitalily amy iareo tihoe: 'Ty Andragnahare ty razagnaoreo ro nagnirake ahike ho atoy aminareo,' ka laha nanao tihoe iareo amiko: 'Ia ro agnarane?' Le ino ro ho talilieko amy iareo?" [14]Le nanao tihoe Andragnahare tamy ndre Mosesy: "IRAHO RO IRAHO." Le nanao tihoe Andragnahare: "Tsy maintse hitalilienao reo Israelita tihoe: 'IRAHO ro nagnirake ahike ho atoy aminareo."' [15]Le nanao tihoe avao kea Andragnahare ty razagnareo, Andragnahare re Abrahama, Andragnahare Isaka, Andragnahare ndre Jakoba, ro nagnirake ahike ho atoy aminareo. Zane ro agnarako zisikam-parane, zane ro hatiarova Ahike hatramy ty taranake mifa-dimbe.'[16]Mandena le avorio miarake reo ndaty bey ty Israely. Talilio amy iareo tihoe: "Yaveh, Andragnahare ty razagnareo, Andragnahare ndre Abrahama, Andragnahare Isaka, Andragnahare ndre Jakoba, fa niseho tamiko le nanao tihoe: "Fa nandinike anareo vatagne raho, vaho nahavamba ze natao taminareo tagne Egypta." [17]Fa nampagnantegna Raho te handay anareo hiala amy ty fampijalea ao egypta ho agne amy ty tane reo Kananita, Hetita, Amorita, Perizita, Hivita, vaho reo Jebosita, tane feno-ronono naho tantele." [18]Hitsano anao iareo. Tsy maintse mandeha agne amy ty mpanjaka ndre Egypta iriha naho reo ndaty bey ty Israely, le zao ro tsy maintse ho talilienareo amine tihoe: " Yaveh, Andragnahare ty Hebreo, le fa nihaogne taminay. Kea lonike zahay handeha teo andro agne amy ty tane tsy raraha, soa hahazahoanay hanao soro ho ahy Yaveh Andragnaharenay.'[19]Feie haintso te tsy hampimpoke anareo handeha ty mpanjaka ndre Egypta, laha tsy sere re. [20]Hagnenja ty tagnako Raho vaho hanafike reo Egyptiana amy reo haveregna ze ho ataoko eo amy iareo. Lafa afake zane le hagnega anareo handeha reke. [21]Le hampahisahako fitea amy ty Egyptiana reo vahoake reo, kea lafa handeha nareo, le tsy handeha amy ty tagnam-polo. [22]Ty ampela iaby le hangatake firavake volafoty naho volamena vaho fitafia amy reo Egyptina mpiara-monigne amine naho ze ampela iaby mitoboke ao an-tragno reo mpiara-monigne amine. Hampandesinareo ty anandahinareo naho ty anak'ampelanareo ty Egyptiana."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 4

[1]Namale Mosesy tihoe: "Feie nanao akore laha tsy mino ahiike reo na tsy mitsano ahike te hitsara iareo tihoe: 'Tsy niseho taminao vao Yaveh'?" [2]Nanao tihoe Yaveh tamine: "Ino igny an-tagnanao igny?" Namale Mosesy tihoe: " Fitogno." [3]Nanao tihoe Yaveh: "Atoraho eo amy ty tane zane." nanorake zane tamy ty tane re Mosesy, vaho nivalike bibilava zane. Nilay zane re Mosesy.[4]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: Ahintsio ty tagnanao vaho rambeso amy ty rambone io." Kea le nagninty re vaho nandrambe iaze bibilava. Le lasa fitogno tegne an-tagnane ndraike zane. [5]"Zane le soa hahazahoa iareo mino te Yaveh, iaze Aandragnahare ty raza iareo, Andragnahare ndre Abrahama, Andragnahare Isaka, vaho Andragnahare ndre Jakoba, ro fa niseho taminao."[6]Nanao tihoe avao Yaveh tamine: "Zao le atsofoho ao ampo akanjonao ty tagnanao." Le natsofo ndre Mosesy tao ampo akanjone ty tagnane. Lafa namoake zane re, ingo, angamay ty tagnane, foty manahake mika. [7]Nanao tihoe Yaveh: "Atsofo ao ampo akanjonao ndraike ty tagnanao." Le natsofo ndre Mosesy tao ampo y akanjone ty tagnane, vaho lafa naboakine zane, le hisane te afake ndraike zane, manahake ty sasane ty nofone iaby.[8]Nanao tihoe Yaveh: "Laha tsy mino anao iareo__laha tsy midary ty famantara voalohane ty hereko na tsy mino zane iareo, le hino ty famantara faharoe. [9] Laha tsy mino reo famantara ty hereko roe reo iazreo, na sy mitsano anao, le manoviza rano agne amy ty vavarano vaho ailigno amy ty tane maike zane. Ty rano ze ho alanao le hivalike lio eo amy ty tane maike."[10]Le nanao tihoe Mosesy tamy Yaveh: "Ty Tompo, tsy mahay mandaha-tsara raho, na tamy ty lasa na hatramy ty nirehafanao tamy ty mpiasanao. Malao firehake naho mipiti-dela raho." [11]Nanao tihoe Yaveh tamine: "Ia iaze nagnamboatse ty vava ty ndaty? Ze nanao ty ndaty ho moa na gý na mahisake na goa? Nao tsy Iraho, Yaveh? [12]Noho zane mandena, vaho Iraho miaro ty vavanao vaho hampianatse anao ze ho talilie." [13]Te nanao tihoe Mosesy: "Tompo, magniraha ndaty hafa, ze teanao hirahy."[14]Le nasiake tamy ndre Mosesy Yaveh. Nanao tihoe re: Nanao akore ty mikasike ahy ndre Arona rahalahinao, iaze Levita? Haintso te afake mitsara soa re. Fagnampe zane, ho avy hifakasike aminao re, vaho lafa mahisake anao re, le ho fale ao agn'arofone. [15]Hitsara amine iriha vaho hametrake ty tsara hotsaray eo am-bavane. Iraho hiaro ty vavanao naho ty vavane, vaho hasehoko anareo roe ze hatao. [16]Hitsara amy ty vahoake ho anao re. Ho vavanao re, vaho amine iriha le hanahake Ahike, Andragnahare. [17]Ho andesinao eo an-tagnanao io fitogno io. Amy zane ro hanaovanao reo famantara."[18]Le nimpoly tagne amy ndre Jefro rafozan-dahine re Mosesy vaho nitsara tamine tihoe: "Ampoho raho handeha soa hahazahoako mimpoly agne amy reo longoko ze agne Egypta vaho hivamba laha mboe velo iareo." Nanao tihoe Jefro tamy ndre Mosesy: "Mandena amim-piandagna." [19]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy tagne Midiana: "Mandena, mimpolia agne Egypta, te fa maty reo lehilahy iaby ze nikilily hamono ty fiaignao." [20]Nangalake ty valine naho reo andahine re Mosesy vaho nampitoboko aiereo teo ambone ty borike. Nimpoly tagne amy ty tane ndr'Egypta re, vaho nirambesine tegne an-tagnane ty fitogno ty Andragbnahare.[21]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "Lafa mimpoly agne iriha, lonike ho ataonaoa eo agnatreha ndre Farao reo fahaveregna iaby ze fa napoko teo amy ty fahefanao. Feie hagnamafe ty arofone Raho, vaho tsy hagnegna reo vahoake handeha reke. [22]Tsy maintse hitsara ahy ndre Farao iriha tihoe: 'Zao ro nitalily Yaveh: Israely le anandahiko, taolagnoloko, [23]vaho mitalily aminao Raaho: "Ampoho handeha tty anako, soa hahazahoane manompo Ahike." Te satria nandietse ty hagnega aze andeha iriha, le hovonoako vatae ty anandahinao, le taolagnolonao."'[24]Vaho tegne an-dala, lafa nijano ho amy ty halike iareo, le nifakahisake tamy ndre Mosesy vaho nisafiry hamono aze Yaveh. [25]Le nangalake fiharatse vato re Zipora vaho nanapake ty anandahine, vaho nanmpikasoke zane tamy ty tombone. Le nanao tihoe re: "Azo antoke te valy amy ty alala ty lio amiko iriha." [26]Le nagnega aze arere Yaveh. Nanao tihoe re: "Valy amy ty alala ty lio iriha" noho iaze fanapaha.[27]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Arona: "Mandena agne amy ty tane tsy misy raraha soa hifakahisakle amy ndre Mosesy." Nandeha re Arona, nifahisake tamine tagne am-bohitse ty Andragnahare, vaho nagnoroke aze. [28]Nitalilie ndre Mosesy tamy ndre Arona iaby reo Tsara Yaveh ze nagnirahane aze ho talily naho ty mikasike reo famantara ty fahefa Yaveh iaby ze nandiliane aze ho anoene.[29]Le nandeha re Mosesy naho Arona namory reo ndaty mbey reo Israelita iaby. [30]Nambara ndre Arona iaby reo tsara iaby ze nitalily Yaveh tamy ndre Mosesy. nabaribarine teo amaso reo vahoake avao kea reo famantara ty here Yaveh. [31]Le nino ty vahoake. Lafa re Iareo te fa nandinike reo Israelita Yaveh vaho fa nahisake ty fampijalea aiereo, le nampiondreke ty agnambone iareo vaho nanompo Aze.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Tafara ty nisehoa reo raraha reo, le nandeha tagne amy ndre Farao re Mosesy naho Arona vaho nitsara tihoe:
"Zao ro talilie Yaveh, iaze Andraganahare Israely, tihoe: 'Apoho ty ndatiko andeha, soa hanaova iareo fifalefalea
ho Ahike agne amy ty tane tsy raraha."' [2]Nanao tihoe Farao: "Te ia moa zane Yaveh zane? Nanao akore raho ro
tokone hitsano ty tsarane vaho hagnenga ahy ty Israely handeha? Tsy mahay ahy Yaveh raho; vaho tovo zane, tsy
hagnenga ahy ty Israely handeha raho."[3]Nanao tihoe iareo: "Fa nifakahisake taminay ty andragnahare reo
Hebreo. Apoho zahay andeha telo andro agne amy ty tane tsy misy raraha vaho hanao soro ho ahy Yaveh
Andragnaharenay soa tsy hanafihane anay amy ty loza na amy ty meso." [4]Te nanao tihoe ty mpanjaka ndr"Egypta
tamy iareo: "Mosesy naho Arona, nanao akore nareo ro mangalake ty ndaty amy ty asa iareo? Mimpolia amy ty
asanareo." [5]Nanao tihoe avao kea re: "Amy henane zao misy vahoake hebreo maro eto amy ty tanenay, vaho
mampijano aiereo amy ty asane nareo."[6]Tamy io andro io avao, le nagnomey baiko tamy reo mpampiasa naho
reo mpiamby re Farao. Nanao tihoe: [7]"Tsy manahake ty teo aloha, lonike tsy hagnomey lila hagnamboarane birike
ho ahy ty ndaty sase nareo. Apoho iareo handeha vaho hamory lila ho ahy ty vatae iareo. [8]Na zane, le tokone
mboe hitake ty isa ty birike mitovy tamy ty natao iareo teo aloha avao nareo. Ka magnina ze kele noho zane,
satria kamo iareo. Zane ro mahaavy aiereo mikaike mafe naho mitsara tihoe: 'Apoho zahay andeha naho hanao
soro ho ahy ty Andragnaharenay.' [9]Ampitombo ty lera hiasa ho ahy reo lehilahy soa hifantoha iareo amy zane le
tsy hitsano tsar fitake sase."[10]Kea le nandeha nampahafantatse ty vahoake ty ndaty ty mpampiasa naho mpiamby.
Nanao tihoe iareo: "Zao ro talily ndre Farao: 'Tsy hagnomey lila ho anareo sase raho. [11]Lonike nareo avao
handeha le hangalake lila na aia na aia ahisahanareo zane, feie tsy hihena ty asanareo.'"[12]Kea le niele nagnera ty
tane Egypta iaby reo ndaty soa hamory volim-bare hatao lila. [13]vaho reo mpampiasa nanohy nandrisike aiaereo
ke nirehake tihoe: "Vitao ty asanareo, manahake ty tamy ty fotoa nagnomeza lila anreo." [14]Namofoke ty mpiaby
Israelita reo mpampiasa ndre Farao, reo lehilahy ze nampiandraeketie iareo ahy reo mpiasa avao. Nagnontane
aiereo avao ty mpimpiasa tihoe: "Nanao akore nareo ro tsy namokatse ty birike iaby ze nitake taminareo, na
omale na androne, manahake ty fanoenareo taloha?"[15]Kea le nagnotane ahy ndre Farao reo mpiamby Israelita le
nitoroe tamine tihoe: "Nanao akore iriha ro manday reo mpiasanao manahake zao? [16]Tsy hisy lila homea reo
mpiasanao sase, Nefa iareo le mboe mirehake anay tihoe: 'Magnamboara biriky!' Zahay, mpiasanao, le nifofohy
vatae amy henane zao, nefa fahadisoa ty vahoagnao avao zane." [17]Te nanao tihoe Farao: "Kamo nareo! Kamo
nareo! Nanao tihoe nareo" 'Apoho zahay handeha hanao soro ho ahy Yaveh.' [18]Kea amy henanezao mandena
mimpoly amy asanareo. Tsy hisy lila homea anreo sase, te tsy maintse mboe mamboatse isam-biriky mitovy avao
nareo."[19]Hisanareo mpiamby Israelita te tafalatsake tagnate kizo iareo lafa nitalilia tihoe: "Tsy mahazo
mampihena ty isaky ty birike vokary isan'andro nareo." [20]Namonje tamy ndre Mosesy naho Arona iareo, ze
nitsanga tagne ambaliky ty rova, laha nandeha bak'ao amy ndre Farao iareo. [21]Nanao tihoe iareo tamy ndre
Mosesy naho arona: "Hivamba anareo vatae Yaveh vaho hanasaze anreo, satria nataonareo nangily hilitse teo
amy ty fanjo ndre Farao naho reo mpiasane zahay. Nasianareo meso ty tagna iareo soa hamonoa anay."[22]Nandeha
nimpoly tagne amy Yaveh re Mosesy vaho nitsara tihoe: " Tompo, nanao akore iriha ro nampidi-doza reo ndaty
reo? Nanao akore raho ro nalefanao voalohane? [23]Saky ty namonje ahy re Farao handay ty hafanao raho raho, le
nanday fikorontagna ho ahy reo ndaty reke, vaho tsy nagnafake ty ndatinao vatae Iriha."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 6

[1]Vaho Yaveh nitsara tamy ndre Mosesy tihoe: "Androane ro hahisahanao ze ataoko amy ndre Farao. Ho hisanao
zane, te hagnanga aiereo handeha re noho ty tagnako mahere. Noho ty tagnako mahere, handroake aiereo hiala
amy ty tanine reke."[2]Andragnahare nitsara tamy ndre Mosesy le nanao tihoe: "Iraho ro Yaveh, [3]Amy ty maha-
Baba Tsitoha Ahike ro nisehoako tamy ndre Abrahama. Isaka vaho Jakoba; te amy ty agnarako, Yaveh, le tsy
nahay Ahike iareo. [4]Nametrake fifagnekea tamy iareo avao kea Raho, soa hagnomeza aiereo ty tane ndre Kanana,
tane ze nitoboha iareo amy ty maha mpiavy aze, tane ze nirioriova iareo. [5]Vaho kea, naharey ty fitoreo ty Israelita
ze nandevozy ty Egyptianina avao kea Raho, le tiaroko ty fagnekeko.[6]Noho zane, talilio reo Israelita tihoe: 'Iraho
ro YAveh. Hagnafake anareo amy ty fagnandevoza ty Egyptiana Raho, vaho ho afahako amy ty herene nareo.
Hagnavotse anareo amy ty fampisehoa ty hereko Raho, vaho amy reo asa fitsara mafe. o alaiko ho vahoako nareo,
vaho Iraho ho Anadragnaharenareo.[7] Ho hainareo te Iraho ro Yaveh Andragnaharenareo, nagnafake anareo teo
ambane ty fagnandevoza ty reo Egyptiana.[8]Handesiko agne amy ty tane ze fa nampagnantenaiko tamy dre
Abarahama, Isaka, vaho Jakoaba nareo. Le homeiko ho fanagnanreo zane. Iraho ro Yaveh.'" [9]Lafa nitsara zane
tamy reo Israelita re Mosesy, le tsy nitsano aze iareo noho ty hakivia iareo mikasike ty fagnandevoza mafe aiereo.
[10]Kea nitsara tamy ndre Mosesy re Yaveh le nanao tihoe: [11]"Ndehana talilio re Farao, mpanjaka ndre Egypta, sao
hagnenga ty vahoake ty Israely hiala ao amy ty tanine. [12]nanao tihoe re Mosesy nitsara tamy Yaveh: "laha tsy
nitsano Ahike ty reo Israelita, nanao akore re Farao ro hitsano ahike, satria tsy mahay mandehatse tsara raho?"
[13]Le nitsara tamy ndre Mosesy naho Arona re Yaveh. nagnomey baiko aiereo ho ahy reo Israelita naho ho ahy
ndre farao, mpanjaka ty Egypta reke, Soa handay reo Israelita hiala ty tane Egypta.[14]Reto ro loha ty longo ty
razambey iareo: reo anandahin-dRobena, taolagnolo ty Israely, le re Hanoka, Palo, Hezrona, vaho Karmy. Reto ro
foko ty razambey ndre Robena. [15]Reo anandahy ndre Simeona le Jemoela, Jaminasy, Ohada, Jakinasy, Zohara,
vaho Saoly_ty ana iaze ampela Kananita. Reo ro Razambey ty foko ndre Simeona.[16]Reto tognone reto ro anandahy
ndre Levy, miarake amy ty taranak'iareo. Iareo le re Gersona, Kehata, vaho re Merary. Niay hatramy ty faha 137
taone re Levy. [17]Reo anandahy ndre Gersona le Libny naho Simey. [18]Reo anandahy ndre Kehata le re Amrama,
Jizara, Hebrona, Vaho re Oziela. Niay hatramy ty telo amby telopolo amby zato taone re Kehata. [19]Reo ananadahy
ndre Merary le re Maly naho mosy. Reo ro lasa razambey ty foko reo Levita, miarake amy reo taranagne.[20]Le
nanambaly ahy ndre Jekebeda re Amrama, rahavavy ty babane. Nisamake ahy ndre Arona naho re Mosesy
tamine reke. Nniay 137 tao re Amrama le maty bak'eo. [21]Reo anandahy ndre Jezara le re Nafega, naho re Zikry.
[22]Reo anandahy ndre Oziela le re Misaela, Elzafana, vaho re Sitry.[23]nanambaly ahy ndr'Elisaba re Arona,
anak'ampela ndre Aminadaba, rahavave ndre Nasona. Nisamake ahy ndre Nadaba, Abiho, Eleazara, vaho re
Itamara ahy ndre Nadaba, Abiho, Eleazara, vaho re Itamara tamine reke. [24]Reo anandahy ndre Kora le re Asira,
Elkana, vaho re Abiasafa. Reo ro razambey ty foko ty Koraita. [25]Eleazara, anandahy ndre Arona, nanambaly ty
raike tamy reo anak'ampela ndre Potela. Nisamake ahy ndre Fineasa tamine reke. Reo ro loha ty longo teo amy
reo Levita, miarake amy reo fokone.[26]Reo lehilahy roe reo le re Arona naho Mosesy ze nitsara Yaveh tihoe:
"Andeso miala ty tane Egypta reo Israelita, amy ty alala reo vondron-dehilahy mpialy." [27]Arona naho Mosesy
nitsara tamy ndre Farao, Mpanjaka ty Egypta, soa hagnenga aiereo hamoake reo Israelita bak'ao Egypta. Iaze
Mosesy naho Arona avao reo.[28]Lafa nitsara tamy ndre Mosesy tao amy ty tane Egypta Yaveh, [29]le nanao tihoe Reke
tamine: "Iraho ro Yaveh. Talilio amy ndre Farao, mpanjaka ndre Egypta, ze iaby hotalilieko aminao." [30]Te Mosesy
nitasara tamy Yaveh tihoe: "Tsy de mahay mitsara raho, le manao akore ro hitsanogna ndre farao ahike?"

## Chapter 7

[1]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "Ingo, nanao anao manahake ty andragnahare ho ahy ndre Farao Raho.
Arona rahalahinao ro ho mpitokinao. [2]Iriha ro hitalily ty rarah iaby ze handiliako anao ho tsarainao. Hirehake
amy ndre Farao re arona rahalahinao soa hagnenagane ty vahoagn'Israely hiala amy ty tanine.[3]Te hagnamafe ty
arofo ndre Farao raho, vaho iraho haneho famantara ty hereko maro, naho fahaveregba maro, agne amy ty tane
Egypta. [4]Feie tsy hitsano anao re Farao, noho zane le hametrake ty tagnako ao egypta raho vaho hamoake reo
fikambana lahilahy mpialy, ty vahoakako, naho reo anandahy ndre Israely, hiala ty tane Egypta amy ty fampililoa
bevata. [5]Le ho hay ty Egyptiana te iraho ro Yaveh lafa hagnapatse ty tagnako amy ty Egypta naho hagnafake reo
Israelita tsy ho eo amy iareo Raho."[6]Le nanao manahake zane re Mosesy naho Arona; arake ze nandilia Yaveh
aiereo. [7]Valopolo tao re Mosesy, vaho telo amby valopolo tao re Arona lafa niresake tamy ndre Farao iareo.[8]Nanao
tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy naho tamy ndre Arona: [9]"Lafa mitsara aminao re Farao tihoe: 'Manaova
fahaveregna,' Le hitsara ahy ndre Arona iriha tihoe: 'Rambeso ty fitognonao vaho atoraho eo agnoloa ndre Farao,
soa hivalike bibilava zane.'" [10]Le nandeha agne amy ndre farao re Mosesy naho re Arona, vaho nanao arake ze
nandilia Yaveh iareo. Natora ndre Arona teo agnolo ndre Farao naho reo mpiasane iaze fitogno, le lasa bibilava
zane.[11]Kinaike ndre Farao avao kea reo ndaty hendrine naho reo mpnao aoly. le nanao manahake zane kea iareo
tamy ty alala ty aoly iareo. [12]Natora ty fitogno ty lehilahy kiraikiraike, vaho lasa bibilava reo fitogno reo. Feie
natele ty fitogno ndre Arona ty bibilava iareo. [13]Nihamafy ty arofo ndre Farao, vaho tsy nitsano reke, arake ty fa
nitalily Yaveh mialoha.[14]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "mafe ty arofo ndre farao, vahao tsy magneke ty
handeha reo vahoake. Mandena vao maray agne amy ndre Farao lafa miboake ho agne amy ty rano re.
[15]Mijanogna egne amy ty sisy ty vavarano soa hifakahisake amine, vaho rambeso egne an-tagnanao iaze fitogno
ze nivalike bibilava.[16]Talilio tihoe re: 'Yaveh, Andragnahare reo Hebreo, ro fa nadefa ahike atoy aminareo hitsara
tihoe: "Apoho ty ndatiko handeha, soa hanompoa iareo ahike agne amy ty tane tsy misy raraha. fa tsy nitsano
iriha zisike amy henane zao." [17]Zao ro talilio Yaveh: "Amy zao ro hahaizanao te iraho ro Yaveh. Hamofoke ty
vavarano ty re Neily amy ty fitogno ze etoy an-tagnako raho, le hiova lio ty vavarano. [18]Ty fia ze ao ampo ty
vavarano le ho maty, vaho le hamofo maimbo ty vavarano. Tsy ho afake ty hino ty rano bak'amy ty vavarano reo
Egyptiana.'"[19]Vaho nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "Tsarao re Arona tihoe: 'Rambeso ty fitognonao vaho
ahitio miarake amy ty tagnanao eo amy ty rano ty Egypta, vaho eo amy reo vavarano iareo, reo rano mandeha, ty
sihanake, naho ty kado iareo iaby, soa hiavalike lio reo rano reo. Ataovo zane soa hisy lio magnera ty tane Egypta
iaby, na ao amy ty fitobohan-ketae naho vato.'"[20]Nanao arake ze nandilia Yaveh re Mosesy naho Arona.
Nanondrotse ty fitognone Arona vaho nifofohine iaze rano tegne amy ty vavarno. teo amy ty fanjo ndre Farao
naho reo mpiasane. Vaho nivalike lio ty rano iaby tegne amy ty vavarano. [21]Maty reo hazandrano tao ampo ty
vavarano, vaho nanomboke namofo maimbo ty vavarano. Tsy afake nino rano bak'ao amy ty vavarano reo
Egyptiana, vaho feno lio magnera ty tane Egypta. [22]Te nanao manahake zane tamy ty aoly iareo avao kea reo
mpiasa aoly ndre Egypta. Kea le nihamafe ty arofo ndre Farao, vaho nandà tsy hitsano ahy ndre Mosesy naho
Arona reke, arakew ze fa nitalily Yaveh te hiseho.[23]Le nitolike re Farao vaho nimpoly tao an-jombane. Tsy
nindareane zane. [24]Nandavake rano hinome nagnodidy ty vavarano reo Egyotiana iaby, feie tsy afake mino ty
rano ty sihanake iareo. [25]Fito andro ro lasa tafara ty namofoha Yaveh ty vavarano.

Chapter 8

[1]Vaho Yaveh nitsara tamy ndre Mosesy tihoe: "Mandena agne amy ndre farao vaho talilio re tihoe: 'Zao ro talily
Yaveh: "Lonike ty vahoako handha soa hahafaha iareo miasa ahike. [2]Laha tsy magnenga aiereo handeha iriha, le
hampijaly ty firenenao iaby amy ty saboketra Raho. [3]Ho feno saboketra ty vavarno. Hiakatse reo vaho hizilike ao
an-jombanao, ty efetse anjomba fatorianao, naho ty fandreanao. Ho agne amy ty tragno reo mpiasanao reo. Ho
agne amy ty ndatinao, ty laforonao, vaho reo fingajobo fanaovanao mofo. [4]Hanafike anao, ty vahoakenao, vaho ty
mpiasanao iaby reo saboketra."'"[5]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "Talilio re Arona tihoe: 'Ahintsio eo
ambone ty vavarno, ty lakan-drano, naho reo sihanake ty tagnanao naho fitogno, vaho andeso hameno ty tane
Egypta ty saboketra."' [6]Le nampahity ndre Arona teo amy ty rano ty Egypta ty tagnane, le avy reo saboketra vaho
nameno ty tane Egypta. [7]Feie nanao manahake zay avai kea reo ambiasa tamy ty aoly iareo: nanday saboketra
niakatse ty tane Egypta iareo.[8]Vaho nikaike ahy ndre Mosesy naho Arona re Farao le nitalily tihoe; "Mivavaha
amy Yaveh soa hagnafake ty saboketra eto amiko naho amy reo vahoako. Le hagnega ty ndaty handeha raho, soa
hahazoa iareo manao soro ho Aze." [9]Nanao tihoe Mosesy tamy ndre Farao: "Iriha le manana fahafaha
hitalilyamiko tihoe ombia raho ro tokone hivavake ho anao, reo mpiasanao, vaho reo vahoakenao raho, soa
hagnala reo saboketra eo aminao naho ty hasaveregnanao le hijano agne am-bavarano avao."[10]Farao nitalily
tihoe: "Hamaray." Vaho Mosesy nitlily tihoe: "Lonike hatao arake ty tsaranao zane, soa hahaizanao te tsy misy
manahake ahy Yaveh, iaze Andragnaharenay. [11]Hiala eo aminao, ty anjombanao, reo mpiasanao, vaho reo
vahoakenao ty saboketra. Te hijano eo amy ty vavarano avao. [12]Niboake niala teo amy ty Farao re Mosesy naho
Arona. Vaho Mosesy nikoike mafe tamy Yaveh Mikasike ty saboketra ze nandesy teo amy ty Farao.[13]Vaho Yaveh
nanao arake ze nangatahy re Mosesy: maty tao amy reo tragno, tokotane, naho baibo reo saboketra. [14]Navory reo
vahoake nitsitokotoko reo, le namofo ty tane. [15]Lafa hisa ndre Farao te nisy fitofa, le nihamafisine ty arofone vaho
tsy nitsano ahy ndre Mosesy naho Arona reke, araka ty nitalily Yaveh te ho ataone.[16]Yaveh nitalily tamy ndre
Mosesy tihoe: "Talilio re Arona tihoe: 'Ahintsio ty fitognonao vaho fofoho ty lemboke eo amy ty tane, soa ho avy
moka magnera ty tane Egypta iaby."' [17]Nanao manahake zao iareo: Nampahity ndre Arona ty tagnane naho ty
fitogno. Nifonofone ty lemboke teo amy ty tane. Vaho avy teo amy ty ndaty ty moka naho ty biby. Lasa moka iaby
ty lemboke iaby nagnera ty tane Egypta[18]Reo ambiasa le niezake ty hampissy moka tamy ty aoly iareo, te tsy afake
iareo. Nisy moka teo amy ty ndaty naho ty biby. [19]Le nanao tihoe reo ambiasa tamy ndre Farao: "Tagna ty
Andragnahare zao." Te nihamafe kea ty arofo ndre Farao, le nandà ty hitsano aiereo reke. Zane le manahake ty fa
nitalily Yaveh te hatao ndre Farao.[20]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "Mifohaza maraindray dey vaho
mitsangana magnoloa ahy ndre Farao lafa miala ho agne amy ty vavarano reke. talilio tihoe re: 'Zao ro nitalily
Yaveh: "Lonike ty ndatiko handeha soa hahzahoa iareo miasa Ahike. [21]Te laha tsy aponao handeha ty ndatiko, le
handafa anantokon-dalitse eo aminao, reo mpiasanao, naho reo ndatinao, vaho reo ze ao an-jombanao Raho. ty
tragno reo Egyptiana le ho feno antokon-dalitse, vaho na ty tane ze hitsanga iareo le ho feno lalitse.[22]Te amy zane
andro zane le handay ty tane ndre Gosena amy ty fomba hafa raho, iaze tane ze itoboha ty ndatiko, soa tsy hisy
antokon-dalitse agne. Zane le hiseho soa hahaizanao te Iraho ro Yaveh eo ampagnivoa toy tane toy. [23]Hanao
fagnavaha eo amy ty vahoako naho ty vahoakenao Raho. Zane famatara ty hereko zane le hiseho hamaray."'"
[24]Nanao zane Yaveh, le avy tao anjomba ndre Farao naho reo mpiasane reo antokon-dalitse matevy. Nanere ty
tane Egypta iaby, simba ty tane noho reo antokn-dalitse.[25]Nampikaike ahy ndre Mosesy naho Arona re Farao le
nitalily tihoe: "Mandena, manaova soro ho ahy ty Andragnaharenareo ao amy ty tanenareo arere." [26]Nanao tihoe
reMosesy: "Tsy mety aminay ty manao zane, te reo soro ze ataonay ho ahy Yaveh Andragnaharenay le
mamparihy ho ahy reo Egyptiana. Laha manao soro marene eo amy ty maso iareo zahay ze mamparihy ahy reo
vato vao zahay? [27]Aha, ty mandeha telo andro mandeha agne amy ty tane tsy misy raraha ro tsy maintse
hataonay, soa hanaova soro ho ahy Yaveh Andragnaharenay, araka ty nandiliane anay."[28]Nanao tihoe re Farao:
"Hamela anareo handeha naho hanao soro ho ahy Yaveh andragnaharenareo agne amy ty tane tsy misy raraha
raho. Te lonike kea tsy handeha lavitse loatse nareo. Mivavaha ho ahike." [29]Nanao tihoe re Mosesy: "Vantae vao
miboake bak'ato aminao raho, le hivavake amy Yaveh soa hiala ty antokon-dalitse eo aminao, Farao, naho reo
mpiasanao vaho ty vahoagnao hamaray. Te lonike iriha tsy hamitake sase amy ty tsy fagnenga ty ndatinay
handeha hanao soro ho ahy Yaveh."[30]Niboake bak'ao amy ndre Farao re Mosesy vaho nivavake tamy Yaveh.[31]
Natao Yaveh ze nangatahy ndre Mosesy: nangalake ty antokon-dalitse teo amy ty Farao, naho reo mpiasane, vaho
reo vahoane Reke. Tsy nisy na raike nipoke. [32]Feie nagnamafy ty arofone avao kea re Farao tamy zane fotoa zane,
vaho tsy nagnenga ty vahoake handeha.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 9

1Le nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "Mandehana agne amy ndre Farao vaho talilio re tihoe: 'Yaveh,
Andragnahare ty Hebreo, mitalily zao: "Apoho ty vahoako handeha soa hahazahoa iareo miasa Ahike." 2Te laha
tsy magnina ty hagnenga aiereo handeha iriha, laha mboe mitajake aiereo iriha, 3 le ho eo amy ty biby fiharenao
egne am-baibo vaho ho eo amy reo soavale, ampondra, rameva, aombe, vaho reo aondre miarake amy ty ose ty
tagna Yaveh, vaho hiterake arete-mandoza zane. 4Sambe hafa ro handesa Yaveh ty biby fiharety Israely naho ty
biby fihare ty Egypta: tsy hisy ho mate ty biby ze ahy reo Israelita.5Fa nanendre fotoa Yaveh; nanao tihoe Reke:
"Hamaray ro hanaovako zane raraha zane eo amy ty tane.'"" 6Natao Yaveh zane ty hamaray: maty ty biby fihare
ty Egypta iaby. Feie tsy nisy maty kea reo biby reo Israelita, na biby raike. 7Nagnontanetane re Farao, vaho ingo,
tsy nisy maty naty raike reo biby ty Israelita. Te mafe arofo reke, le tsy napone handeha reo vahoake.8Vaho nanao
tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy naho Arona tihoe: "Mangalà lavenoke feno ty tagna bak'ao amy ty laforo. Iriha,
Mosesy, rotsy maintse hanorake reo lavenoke egne amy ty tioke laha re Farao mivamba igne. 9Ho lasa lemboke
malinike magnera ty tane egypta iaby zane. Hahaavy vae naho fere hiboake amy reo vahoake naho reo biby
magnera ty tane Egypta iaby zane." 10Kea le nangalake lavenoke bak'ao amy ty laforo re Mosesy naho Arona vaho
nizotso teo agnoloa ndre Farao. Le nanorake re Mosesy tegne amy ty tioke ty lavenoke. Nahaavy vae naho fere
niboake tamy reo ndaty naho reo biby iaze lavenoke.11Tsy nahatohitse ahy ndre Mosesy reo ambiasa noho reo
vae, satria namofoke aiereo naho reo Egyptiana hafa iaby ty vae. 12Nagnamafe ty arofone re Farao Yaveh, le tsy
nitsano ahy ndre Mosesy naho Arona re Farao. Zane le arake ty nitalily Yaveh tamy ndre Mosesy te ho atao ndre
Farao.13Vaho nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "Mifohaza maraindray bey, mitsangana eo agnoloa ndre
Farao, vaho tsarao re tihoe: "Yaveh, Andragnahare ty Hebreo, nitsara zao: "Apoho ty vahoako handeha soa
hahazahoa iareo miasa Ahike." 14Te amy zane fotoa zane le handefa reo arete-mandena iaby amy ty vatanao, amy
reo mpiasanao, naho amy reo vahoakenao Raho. Hataoko zao soa hahaizanao te tsy misy mananhake Ahike amy
ty tane iaby.15Te amy henane zao le afake nagnity ty tagnako vaho namofoke anao naho ty vahoakenao tamy ty
arete raho, vaho ho lane ritsy eto amy ty tane nareo. 16Te zao ro antone napipohako anareo ho velo: soa
hanehoake aminareo ty hereko, soa hagnambarako ty agnarako magnera ty tane iaby. 17Mboe manondrotse ty
vatanao manohitse reo vahoako avao iriha amy ty tsy fagnenga aiereo handeha.18Janogno! Hamaray amy ty lera
manahake zao le handay havandra mivatravatra bey raho, ze mboe tsy nisy manahake zane nihisake teto Egypta
hatramy ty nanomboha ty andro zisike amy henane zao. 19Amy henane zao le, magniraha lehilahy vaho avorio
reo biby fiharenareo naho ty raraha iaby anagnanareo egne am-baibo ho amy ty toera azo antoke. Ty ndaty iaby
naho ty biby ze egne am-baibo vaho tsy nandesy noly__hilatsake eo amy iareo ty havandra, vaho ho maty
iareo.'""20Vaho reo mpiasa ndre Farao ze mino ty hafa Yaveh le nanday ,alaky reo mpiasa naho reo biby fihare
iareo nandeha agne an-tragno. 21Te reo ze tsy nandray ty hafatse Yaveh am-pamatora le nagnenga reo mpiasa
naho ty biby fihare iareo tegne am-baibo.22Le nanao tihoe tamy ndre Mosesy: "Ahintsio mandeha agne amy ty
lagnitse ty tagnanao soa hisia ty havandra amy ty tane Egypta iaby, amy ty vahoake, amy tybiby, vaho amy ty
zaka-mitiry iaby egne am-baibo magnera ty tane Egypta iaby." 23Nagninty ty fitognone nandeha amy ty lagnitse re
Mosesy, vaho Yaveh nandefa hotrok'ora, havandra, helatse tamy ty tane. Nandatsake havandra tamy ty tane
Egypta avao kea Reke. 24Vaho le nisy havandra naho helatse miharo havandra, nimafe vatae, ze mboe tsy nisy tao
amy ty tane Egypta hatramy ty naha firenena aze.25Nameno ty tane egypta iaby, namofoke ty raraha iaby tagne
am-baibo, vaho ty ndaty naho reo biby ty havandra. Namofoke ty zaka-mitiry iaby yegne am-baibo vaho
nanapake reo hetae zane. 26Tao amy ty tane Gosena avao, ze nitoboke reo Israelita, no tsy nisy havandra.27Vaho
farao nagnirake lehilahy hikaike ahy ndre Mosesy naho Arona. Nanao tihoe tamy reo: "Fa nanao rate raho amy
henane zao. Yaveh le marene, vaho iraho naho ty vahoako le rate fagnahy. 28Mivavaha amy Yaveh, satria lahiale
loatse ty varatse mafe naho havandra. Hapoko handeha nareo, vaho tsy hijano eto sase nareo."29Nano tihoe
Mosesy tamine: "Laha vantane vao miala eto amy toy tanà toy raho, hasondroko agne amy Yaveh ty tagnako.
Hijano ty hotroke, vaho tsy hisy havandra sase, Zane ty fomba hahaizanao te ahy Yaveh ty tane. 30Te ty aminao
naho reo mpisanao, haintso te tsy mboe vantae magnomey hasy ahy Yaveh Andragnahare nareo."31Le simba ty
rogone naho ty vary hordea, te ty vary hordea le masake am-potone, vaho nagnomey ty rongone. 32Te ty varem-
bazaha naho ty apemba le tsy nagnino satria reo le fa voktse tatoy afara. 33Lafa nienga ahy re Farao naho ty tanà
re Mosesy, le nasondrone ho amy Yaveh ty tagnane; nijano ty hotroke naho ty havandra, vaho tsy nilatsake sase
ty ora.34Lafa hisa ndre Farao te nijano ty ora, ty havandra, vaho ty hotroke, le nanao rate ndraike reke vaho
nagnamafe ty arofone, niarake tamy reo mpiasane. 35Nihamafe ty arofo ndre Farao, le tsy nagnenga ty
vahoagn'Israely nandeha re. Zane le arake ty nitalily Yaveh tamy ndre Mosesy te ho atao ndre Farao.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 10

[1]Nanao tihoe Yaveh amy ndre Mosesy: "Mandena agne amy ndre Farao, te fa nihamafisiko ty arofone naho ty
arofo reo mpiasane. Nataoko zane soa hampisehoa reo famantara ty hereko eo amy iareo. [2]Nataoko avao kea
zane soa hitililianao amy reo anagnao naho zafikelenao ze raraha vitako, ty hamafy ty fomba nandesako ahy ty
Egypta, naho ty hereko isan-karazane teo amy iareo. Amy zane fomba zane ro hahaizanao te Iraho ro Yaveh."[3]Kea
le nandeha agne amy ndre Farao re Mosesy naho Arona le nanao tamine tihoe: "Yaveh iaze Andragnahare reo
Hebreo, le nitalily zao: 'Zisikim-bia ro handieranao tsy hiambane ty vatanao eo agnatrehako? Apoho andeha ty
ndatiko soa hiasa iareo Ahike. [4]Te laha manditse tsy handefa ty ndatiko iriha, le ingo, hahaavy valala agne amy ty
tanenao Raho hamaray.[5]Hameno ty tane iaby reo le tsy hisy afake hahisake ty tane. Hihina ze sisa napo ty
havandar reo. Hihina ty hetae iaby egne am-baibo ze mitiry ho ano avao kea reo. [6]Hameno reo anjombanao, naho
ty tragno reo mpiasanao, vaho ty ahy reo Egyptiana iaby reo__rarah tsy moe fahisa ty babanao na ty razanao, tsy
mboe fahisake hatramy ty andro naha-teto ambone ty tane aiereo le hatramy zao.'" Bak'eo le lasa Mosesy le niala
teo Amy ndre Farao.[7]Nanao tihoe reo mpiasa ndre Farao tamine: "Zisikim-bia io lehilahy io ro ho fampitahora ho
antika? Apoho andeha reo Israelita soa hanompoa iareo ahy Yaveh Andragnahare iareo. Tsy mboe vambanao te
fa rava vao Egypta?" [8]Le nandesy tagne amy ndre Farao ndraike Arona naho Mosesy, ze nitalily tamy iareo tihoe:
"Mandena manompo ahy Yaveh andragnaharenareo. Feie ia iaby reo ndty handeha?"[9]Nanao tihoe Mosesy:
"Handeha hiarake amy ty tanora naho ty antitsinay zahay, miarake amy ty anandahy naho ty anak'ampelanay.
Handeha hiarake amy reo aondre miarake amy ty aose naho ty aombenay zahay, satria tsy maintse manao fifalea
ho ahy Yaveh." [10]Nanao tihoe re farai tamy iareo: "Hiaro anareo vatae Yaveh, laha handefa anareo naho ty
anagnareo raho. Ingo, manana say rate nareo. [11]Aha! Mandena, ty lehhilahy eo aminareo avao, le manompoa ahy
Yaveh, satria zay ro mpaivinareo." Le nandesy niboake teo agnatreha ndre Farao reo Mosesy naho re Arona.[12]Le
nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "Ahintsio amy ty tane ndre Egypta ty tagnanao ho ahy reo valala, soa
hanafiha reo ty tane ty Egypta le hihina ty zaka-mitiry ao amy zane, ty raraha iaby ze sisa tsy toro ty havandra."
[13]Le nagnity ty fitogno tamy ty tane ndre Egypta re Mosesy, le nanday tioke bak'agne atignana tamy ty tane Egypta
re Yaveh agnate ty andro naho halike igny. Lafa maraindray, le nandesy ty tioke bak'agne atignana reo valala.
[14]Nandeha nagnera ty tagne Egypta raike iaby reo valala le nameno ty faritse iaby tao amy zane. Tsy mboe nisy
antokom-balala manahake zane tao amy iaze tane taloha, vaho tsy hisy raraha manahake toy ho avy afara toy.
[15]Nameno ty tane raike iaby reo le maieke ty tane. Nihane reo iaby ty zaka-mitiry tao amy iaze tane naho ty
voankazo iaby tegne amy ty hetae ze sisa napo ty havandra. Nagnera ty tane Egypta iaby, le tsy nisy tafajano na
zaka-maitso, na hetae na zaka-mitiry tegne am-baibo.[16]Bak'eo re Farao le nampikaike malake ahy ndre Mosesy
naho Arona le nanao tihoe: "Nanao rate tamy Yaveh Andragnaharenareo naho taminareo raho. [17]Kea amy henane
zao mamelà ty heloko amy zao fotoa zao; vaho mivavaha amy Yaveh Andragnaharenareo soa hangalane amiko
toy fahafatesa toy." [18]Kea niboake ba'ao amy ndre Farao re Mosesy vaho nivavake tamy Yaveh.[19]Nanday tioke mafe
vatae bak'agne andrefa Yaveh ze nanday reo valala le nampompoly reo ho agne amy ty Ranomasy Mena; tsy nisy
na le valala raike nip[oke tao amy ty fari-tane ty Egyptiana iaby. [20]Te nihamafisy Yaveh ty arofo ndre Farao, le tsy
napo ndre Farao handeha reo Israelita.[21]Le nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: Ahintio mandeha agne amy ty
lagnitse ty tagnanao, soa hisy ieke eo amy ty tane Egypta, ieke zay azo tsapae."[22] Nangnitsy ty tagne nangngny
amy ty gnitse Mosesy, le nisy ieke mateve teo amy ty tane nagnera ahy ndre Egypta tagnate telo andro. [23]Tsy nisy
nifakahisake ty ndaty; tsy nisy niboake tao an-tragnone tagnate ty telo andro.Nefa, nana fahazava kea reo
Israelita teo amy ty toera nitoboha iareo.[24]Nampikaike ahy ndre Mosesy re Farao tihoe: "Mandena manompo ahy
Yaveh. Afake mandeha miarake aminao na ty hasaveregnanao kea, te reo agnondre amy ty aosenao naho reo
aombe kea le tsy maintse hajano." [25]Te nanao tihoe Mosesy: "Tsy maintse homeanao biby atao soro naho
fagnatitse oroa avao kea zahay soa hanaovanay soro aiereo ho ahy Yaveh Andragnaharenay. [26]Tsy maintse
miarake aminay avao kea reo biby fiharenay; le tsy hisy hapoke na kitro raike amy reo kea, te tsy maintse
andesinay hanompoa ahy Yaveh Andragnaharenay reo. Satria tsy hainay tihoe amy ty ino ro tsy maintse
hanompoanay ahy Yaveh zisike iavianay agne.[27]Te nihamafisy Yaveh ty arofo ndre Farao le tsy hagnenga aiereo
andeha re. [28]Nanao tihoe Farao tamy ndre Mosesy: "Mndriso amiko! te mitao amy ty raraha raike, le ty tsy
hahisahanao ahike sase, satria amy ty andro hahisanao ty vatako, le ho mate iriha." [29]Nanao tihoe Mosesy: "To
vantae. Tsy hahisake ty vatanao sase raho."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 11

1 Le nanao tihoe Yaveh Tamy ndre Farao: "Mboe mesy arete-mandeny raike ze ho andesiko amy ndre Farao naho
Egypta, Afara zay le hagnenga anareo handeha hiala eto reke. Lafa magnenga anreo re ty farane, le handroake
anareo vantae. 2 Tondro lala ty vahoake te ty lehilahy naho ty ampela iaby le hangateke ravake volafote naho
firavake volamena amy ty tanà raike amine. 3 Vaho nantao Yaveh nipay fitea tamy reo Israelita ty Egyptiana. Vaho
kea, Mosesy le iaze lehilahy vantae nahavere teo amaso reo mpiasa ndre Farao naho reo vahoagn'Egypta. 4 Nanao
tihoe Mosesy: "Zao ro talily Yaveh: 'Magnondidy ty vakimira halike le hamakivake ahy ty Egypta raho. 5 Reo
taolagnolo lehilahy iaby ao amy ty tane Egypta le ho mate, manomboke amy ty taolagnolo ndre Farao, zay
mitoboke eo amy ty seza fiankinane, le hatramy ty taolagnolo ty mpiasa ampela ze ao ambaliky ty famofam-bare
madisa zane, vaho hatramy ty voaloha ty anterake ty biby fihare iaby. 6 Le hisy tagne bey magnera ty tane Egypta
iaby, ze tsy mboe nisy manahake zane vaho tsy hisy zane sase. 7 Te na le ty alika le tsy hihiake na amin'ia na
amin'ia amy ty vahoagn'Israely, na amy ty ndaty na amy ty biby. Amy zane fomba zane ro hahaizanao te sambe
hafa ty fandesako ty Egyptiana naho ty Israelita.' 8 Reo mpiasanao iaby, ty Farao, le hizotso atoy amiko vaho
hihohoke eto amiko. Hitsara iareo tihoe: "Mandena, iriha naho reo vahoake zay magnaraka anao!' Afara zay le
hiboake raho." Le niboake tao amy ndre Farao tamy ty siake mafe reke. 9 Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy:
"Tsy hitsano anao re Farao. Zane soa le hanovako zaka-mahavere maro eo amy ty tane Egypta." 10 Natao ndre
Mosesy naho Arona teo agnoloa ndre Farao reo fahaveregna iaby reo. te Yaveh nagnamafe ty arofo ndre Farao, le
tsy nampimpoke ty vahoagn'Israely niboake ty tane ndre Farao.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 12

[1]Yaveh nitsara tamy ndre Mosesy naho Arona tao amy ty tane Egypta. [2]Nanao tihoe Reke: "Ho anareo, toy vola toy
ro ho fanomboha reo vola, le voaloha ty vola amy ty tao ho anareo.[3]Talilio amy ty fiangona ty Israely tihoe: 'Amy
ty andro fahafolo toyo vola toy iareo le tsy manitse mangalake aondre na ana ty aose iaby hoa aeireo, ty longo
kiraikiraike le sambe hanao zane, anak'aondre raike saky ty hasaveregna. [4]Laha kele loatse le tsy hahalane
anak'aondre raike ty hasaveregna raike, ty lehilahy naho ty tanà raike amine le tokone hangalake hena ty
anak'aondre na ty anak'aose ze ampy hohanine iaby zane, noaho zane iareo le tsy maintse mangalake hena
tokone holanine hamokisa aze iaby.[5]Tsy tokone hisy handra vantae ty anak'aondre na ty anak'aosinareo, lahy
herentao. Afake mangalake raike amy reo aondre na aose nareo. [6]Tsy manitse karakaraenareo soa zane zisikem-
piavia ty andro fahaefatse amby folo io vola io. Vaho tsy maintse mamono reo biby reo ty fiangona ty Israely iaby
amy ty takariva. [7]Tsy maintse mangalake sasane amy ty lio nareo vaho mampimpoke zane amy ty tolàm-
baravagna ieroe naho eo amy ty lahim-baravagna ty tragno ao amy ze hihinanareo ty hena. [8]tsy maintse
hohaninareo amy io halike io iaze hena, lafa miarake amy ty mofo tsy misy masirasira, miarake amy ty hagnitse
mafaitse zane.[9]Ko hane manta na ampandeveze amy ty rano zane. Te kea, atono amy ty afo miarake ammy ty
lohane, ty tombone vaho ty ao agnatine. [10]Tsy tokone haponareo ho tratsy maraindray ty ambby zane. Tsy
maintse oroanareo ze sisa tavela amy ty maraindray. [11]Zao ro fomba tsy maintse hihinanareo zane: mifehy ty
satiranareo, ty kapanareo egne amy ty tombonareo, vaho ty fitogno egne an-tagnanareo. Tsy maintse mitava
malake zane nareo. zane ro Paske Yaveh.[12]Zao ro talily Yaveh: Handeha hamakivake ty tane Egypta Raho amy toy
halike toy le hamono ty voaloha terake ty ndaty naho ty biby iaby ao amy ty tane Egypta. Handay fandilova ho
ahy reo andragnahare ty Egypta iaby Raho. Iraho ro Yaveh. [13]Ty lio ro ho famantara eo amy ty anjomabanreo ty
amy ty fiaviako ao aminareo. Lafa mahisake ty lio Raho, le handrio eo aminareo avao lafa handrava ty tane
Egypta. Tsy ho ao aminareo le handrava anareo ty loza. [14]ho andro fahatiarova ho anareo io andro io, ze tsy
maintse hambenanareo ho fifalea ho ahy Yaveh. Ho lalàgna ho anareo san'andro, te tsy maintse miambe zane
andro zane nareo.[15]Hihina mofo tsy misy masirasira nareo agnate ty fito andro. Amy ty andro voalohane nareo le
hangalake lalivay ao an-tragnonareo. Na ia na ia mihina mofo tsy misy masirasira amy ty andro voalohane zisike
iavia y andro fahafito, zane ndaty zane le tsy maintse halà ao Israely. [16]Amy ty andro voalohane le hisy antoko ze
atoka ho Ahike, vaho amy ty andro fahafito le hisy famoria hafa manahake zane. Tsy misy asa ho atao amy zane
andro zane, afa-tsy ty mahandro mahatanjake ho tavae iaby. Zane ro asa azonareo atao.[17]Tsy mainse
ambenanareo io andro ty fankalaza ty Mofo tsy laivay io satria amy io andro io ro handesako ty ndatinareo, saky
ty tokone iaby, hiala ty tane Egypta. Le tsy maintse ambenananreo amy ty tarake ty ndaty zane andro zane. Ho
lalàgna ho anareo zisikam-parane zane. [18]Tsy maintse mitava mofo tsy misy lalivay nareo manomboke amy ty
takariva ty andro fahaefatse amby ty folo amy ty vola voaloha ty tao, zisike iavia ty takariva ty andro faha-raike
amy roapolo ty vola.[19]Agnate reo andro fito reo, le tsy tokone hisy lalivay hisake vantae ao anjomanareo. Ze iaby
mitava mofo misy lalivay le ho alà amy ty antoko ty Israely, na mbahiny zay ndaty zay na ndaty terake teo amy ty
tanenareo. [20]Tsy tokone hitava zaka misy lalivay vantae nareo. Na ia na ia hitobohanao, le tsy maintse mitava
mofo tsy misy masirasira.'"[21]Vaho nikaike ty ndaty bey Israely iaby re Mosesy le nitsara tamy iareo tihoe:
"Mandena vaho misafilia aondre na anak'aondre ze ampe hamahana ty hasaveregnanreo le vono ty anak'aodre
ty Paske. [22]Bak'eo le mangalà ravy hysopa vaho ajogno ao agnate ty lio ze ao ampo ty koveta zane. Hosoro amy ty
tolàm-baravara roe naho lahimbarava ty lio ze tao agnate koveta, tsy misy na ia na ia mahazo miboake ty
anjombane zisike iavia ty maraindray.[23]satria Yaveh le handalo soa handrava reo Egyptiana. Lafa mahisake ty lio
amy ty lahim-baravara naho tolàm-baravara roe Reke, le handrio avaao amy ty varavaranareo vaho tsy
hamofoke ty mpandrava hizilike ao an-jombanareo soa hamofoke anareo.[24]Tsy maintse ambenanareo zane fotoa
zane. Ho lalàgna zisikam-parane ho anareo naho ty taragnao zane. [25]Lafa hizilike ty tane ze homey Yaveh anareo
nareo, arake ze fa nampagnantenaine ho anatone, le tsy maintse handay zane fomba fivavaha zane nareo.[26]Lafa
magnontane anreo ty ananareo tihoe: 'Ino ro dikane zao fomba zao?' [27]Le tsy maintse hitsara nareo tihoe: 'Soro ty
Paske Yave zao, satria nandalo tamy ty tragno reo Israelita tao Egypta Yaveh lafa namofoke ahy reo Egyptiana.
Nagnafake ty aseveregnanay Reke."' Le nandohalike ty vahoake Le niantsa ahy Yaveh. [28]Nandeha reo Israelita le
nanao arake ze nandilia Yaveh ahy ndre Mosesy naho Arona.[29]Vaho tamy vakimira halike le narava Yaveh ty
taolagnolo iaby teo amy ty tane Egypta, le nanomboke tamy ty anandahy ndre Farao vaolohane, zay nitoboke teo
amy ty seza fiankinane, hatramy ty andahy iaze ndaty voalohane tagne an-tragnomaieke miarake amy voaloha
terake ty biby fihare iaby. [30]Nifoha re Farao lafa haalike__reke, reo mpiasane iaby, vaho ty egyptiana iaby. Nisy
tagny mafe tao egypta, satria tsy tagno ze tsy nisy mate tao ampone.[31]Nikaike ahy ndre Mosesy naho arona re
Farao ty halike vaho nitsara tihoe: "Mitsingàna, Mindrisio eo amy ty vahoako, nareo naho reo Israelita. Mandena,


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

manompoa ahy Yaveh, arake ze nitililinareo te teanareo hanoe. [32]Andeso ty aondre miarake amy ty aosenareo
naho ty aombenareo, arake ze nitalilinareo vaho mandena, le tsipazo rano avao kea raho." [33]Tao agnate falisa
vantae ro nandroaha reo Egyptiana aiereo hiala ty tane,satria nanao tihoe iareo: "ho mate iaby tika."[34]Kea le
nangalake ty koba tsy misy lalivay ty vahoake. Fa nifehe tao amy ty akanjo iareo naho teo amy ty soro iareo ty
finga fitava. [35]Vaho nanao arake ze nitalily ndre Nosesy aiereo ty vahoagn'Israely. Nangatake volafoty naho
volamena, vaho akanjo tamy reo Egyptiana iareo. [36]Natao Yaveh nipay fitea tamy reo Israelita ty Egyptiana. Le
nomey reo Egyptiana aiereo iaby ze iaby nangatahy iareo, Tamy zane fomaba zane ro nandrava reo Israelita ahy
reo Egyptiana.[37]Nandeha bak'agn e ramesesy nandeha agny Sokota reo Israelita. Teo ho eo amy ty 600. 000 lahy
iareo ro nandeha tomboke, niampe reo ajaja amin'ampela. [38]Vahoake niharo zay tsy Israelita avao kea ro nandeha
niarake tamy iareo, niarake tamy aondre amy ty aose naho aombe, vaho biby fihare lahiale. [39]Nanao mofo tsy
misy masirasira tamy ty koba ze nandesine bak'agne Egypta iareo. Tsy nisy masirasira zane satria niroahy bak'ao
Egypta iareo le tsy afake nilaondao tamy ty fikarakara mahantanjake. [40] 430 tao ro niaigna reo Israelita tao
Egypta.[41]Tamy ty fiafara ty 430 tao tamy zane andro zane loatse, ro niala reo antoko Yaveh iaby tao amy ty tane
Egypta. [42]Halike tsy fatoria io halike io, satria Yaveh ro nitanday aiereo hiala ty tane Egypta. Zane ro halike Yaveh
ze tokone ho ambena reo Israelita iaby hatramy ty taranake ty vahoagn'iareo.[43]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre
Mosesy naho Arona: "Toy ro fitsipike amy ty Paska: tsy misy mbahine manana anjara amy ty fitava zane. [44]Nefa,
ty andevo ty Israelita iaby, ze nivilin-drala, le afake mitava lafa baka nisavary reke.[45]Reo mbahine naho reo
mpiasa nikaramay le tsy mahazo mitava amy ty sakafo. [46]Ty mahantajake le tsy maintse hotavae ao anjomba. Tsy
tokone handay ty hena agne ambaliky ty tragno nareo, vaho tsy tokone hanapake taola amy zane vantae.[47]Tsy
maintse miamby ty fifalefalea iaby ty firaisa-monigne Israely iaby. [48]Laha misy mbahiny miara-mitoboke
aminareo le te-hiamby ty Paske Yaveh, le tsy maintse savary iaby reo longony lehilahy iaby. Vaho afake avy re le
miamby zane. Na zane, le tsy misy ndaty tsy voasavatse afake mitava amy ty mahatanjake.[49]Zane lalàgna zane
sade hihatra amy ty tompotane naho ty mbahiny ze mitoboke eo aminareo." [50]Kea le vantae nanao arake ze
nandilia Yaveh ahy ndre Mosesy naho Arona reo Israelita iaby. [51]Vaho tamy io andro io vantae ro nandesa Yaveh
ty saky ty antoko ty Israely niboake ty tane Egypta.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 13

1Nitsara tamy ndre Mosesy Yaveh vaho nanao tihoe: 2"Atokano ho ahike ty terake voalohane iaby, reo taolagnolo
lehilahy iaby ao amy reo Israelita, na ndaty na reo biby. Ahike reo voalohaa anterake."3Vaho nanao tihoe re
Mosesy tamy ty vahoake: "Tiaravo naho ankalazao zao andro zao, le ty andro zay niboahanreo baka agne Egypta,
baka amy ty tragno fagnandevoza, satria tamy ty tagna mahere Yaveh ro nandesane anareo niboake baka ao amy
io toera io. Tsy misy mofo lalivay azo hotavae. 4Hiboake ahy ty Egypta amy vola ty Abiba. 5Lafa andesy Yaveh ao
amy ty tane ty Kananita, Hitita, Amorita, Hivita, vaho ty Jebosita, ty tane ze nifantane tamy reo razanareo homey
anareo, le ty tane feno ronono naho tantele__le tsy maintsehiamby zane fomba fivavaha zane nareo amy io vola
io.6Agnate ty fito andro le tsy maintse mitava mofo tsy misys lalivay nareo; amy ty andro fahafito le hisy andro
fifalefalea soa hagnomezan-kase ahy Yaveh. 7Mofo tsy misy lalivay ro tsy maintse hotavae agnate ty fito andro; tsy
tokone hisy mofo misy lalivay avao hisake eo aminareo. tsy misy lalivay tokone ho hisake miarake aminareo ao
agnate ty sisin-tanenareo.8Amay zane andro zane le hitalily amy reo anagnao iriha tihoe: 'Zane le noho ze natao
Yaveh tamiko lafa niboake tagne Egypta raho.' 9Zane le ho fampatiarova ho anareo eo amay ty handrinareo. Zane
le soa ho eo am-bavanreo ty lalàgna Yaveh, te tamy ty tagna mahere Yaveh ro nandesane anreo niboake baka ao
Egypta. 10Noho zane le tsy maintse ambenanareo toy lalàgna toy amy ty fotoa fa voatondro san-tao san-tao.11Lafa
manday anareo ao amy ty tane reo Kananita Yaveh, arake ty nifantane taminareo naho reo razananreo te ho
ataone, vaho lafa magnomey ty tane ho anreo Reke, 12le tsy maintse hanoka ho Aze ty ajaja voaloha ty an-terake
iaby naho ty voaloha ty an-teraky reobibinareo. Vaho ho ahy Yaveh reo lahine. 13Reo voaloha ty an-terake ty
boriky iaby le tsy maintse havily anak'aondre. Laha tsy mampimpoly mivily zane iriha, le tsy maintse manapake
ty vozone. Te reo anandahy voalohane iaby eo aminareo__le tsy maintse ampolinareo vily.14Laha magnontane
anao ty anandahinao agne afara tihoe: "Ino ro dikany zao?" le ho talilinao aze tihoe: "Tamy ty tagna-mahere
Yaveh ro nandesane anay niboake bak'ao Egypta, tao amy ty tragno fagnandevoza. 15Lafa nandà mafe ty
hagnenga anay handeha re Farao, le nivonoa YAveh ty taolagnolo reo vahoake naho ty voaloha ty an-terake reo
biby. Zane ro antone anaovoko soro ho ahy Yaveh ty lahy voaloha ty an-tareke amy ty biby iaby, vaho ty antone
hampimpoliako ty vily ty anandahiko voalohane amy reo anagnao.' 16Ho lasa Fampahatiarova eo amy ty
tagnanao, naho fampahatiarova eo amy ty handrenao zane, te tamy ty tagna-mahere ro namoaha Yaveh antika
bak'ao Egypta."17Lafa nagnenga ty vahoake handeha re Farao, le tsy nitarike aiereo tamy ty lala tagne amy ty tane
reo Filistina Andragnahare, na teo agnila teo zane tane zane. Te nanao tihoe Andragnahare: "Vasa hiova hevitse
reo vahoake laha mandalo aly vaho himpoly agne Egypta." 18Te nandesy ty Andragnahare nagnodidy ty tane tsy
misy rarah ty Ranomasy Mena reo vahoake. Niakatse bak'ao amy ty tane egypta reo Israelita vaho nivonogne ho
amy ty aly.19Vaho nandesy ndre Mosesy niarake tamine ty taolam-balo ndre Josefa nampifanta mafe reo Israelita
le nitalily tihoe: "Azo antoke te hamonje anareo Anadragnahare, vaho tsy maintse handay ty taolam-baloko
miarake aminareo nareo." 20Nandeha bak'agne Sokota reo Israelita vaho nignianja tao Etama teo amy ty sisin-
tane Tsy misy raraha. 21Yaveh nandeha teo aloha iareo tao amy ty magnimboke tamy ty atoandro soa hitarike
aiereo egne an-dala. Vaho ty halike Reke le nandeha manahake ty lelan'afo soa hagnomey fahazava. Tamy ty zane
fomba zane ro nahafaha iareo nandeha ty andro naho ty halike. 22Tsy nangnafake ty hiboke ty atoandro na ty
lelan'afo ty halike nagnoloa reo vahoake Yaveh.

## Chapter 14

[1]Yaveh nitsara tamy ndre Mosesy la nanao tihoe: [2]"Antalilio amy reo Israelita te tokone himpoly vaho hagnianja
eo aloha ndre Pi-Hahirota, eo ampagivoa nre Migdola naho ty riake, eo aloha ndre bahala-Zefona iareo. Tokone
hagnianja eo agnila ty ranomasy mifanandrife amy ty Pi-Hahirota nareo. [3]Te hilily ty amy reo Israelita. Tampy
tamy iareo ty tane tsy raraha.'[4]Hagnamafe ty arofo ndre Farao Raho, le hagnia aiereo reke. Hahazo hasy Aho
noho ty amy ndre Farao naho tafine iaby. Le ho haine reo Egyptiana te Iraho ro Yaveh." Kea le nagnianja arake ze
natoro aiereo ty Israelita. [5]Lafa voatalily tamy ty mpanjaka ty Egypta te nilay reo Israelita, le namadike ty saine
tamy ty vahoake re Farao naho reo mpiasane. Nanao tihoe iareo: "Te ino toy natantika toy tamy ty fagnenga ahy
ty Israely andeha an-kalalaha tsy hanompo antika?"[6]Vaho nagnoma ty sarety re Farao vaho nanday ty tafine
niarake tamine. [7]nangalake sarety voafily manoka enen-jato miampy reo sarete ty Egypta hafa iaby reke, niarake
tamina manam-kase tao amy iareo iaby. [8]nagnamafe ty arofo ndre Farao, mpanjaka ndre Egypta re Yaveh, la
nagnea reo Israelita ty mpanjaka. Vaho fa lasa lavitse tamim-pandresea ty Israelita. [9]Feie nagnea aiereo ty
Egyptiana niarake tamy ty soavale naho sarete iareo iaby, reo mpijon-tsoavaline, vaho ty tafine. Tratsy iareo
nignianja teo agnolo ty ranomasy agnila ndre pi-Hahirota, teo aloha ndre Bala-Zefona reo Iraelita.[10]Lafa namonje
marinike re Farao, le niandrandra reo Israelita vaho taitse. Nanao rodobey tafara iareo ty Egyptiana, le natahotse
iareo. Nikaike mafe ahy Yaveh reo Israelita. [11]Nanao tihoe iareo tamy ndre Mosesy: "Satria tsy misy valavato vao
agne Egypta, ro le nandesinao ho maty atoy an-tane tsy misy rarah atoy zahay? Nanao akore ro nataonao
manahake zao zahay, le nandesinao niala tagne Egypta? [12]Te zao vao ro fa nitalilinay taminao tagne Egypta?
Nanao tihoe zahay taminao: 'Apoho zahay ho ahy Egyptiana. 'Soa hahazahoanay miasa ho ahy ty Egyptiana.' Soa
ho anay vantae ty niasa ho ahy ty Egyptiana manahake zay maty atoy an-tane tsy raraha atoy."[13]Nanao tihoe
Mosesy tamy ty vahoake: "Ka matahotse. Mandignasa vaho ho hisanareo ty famonjea ze homey Yaveh ho anareo
amy zao. Te tsy ho hisanareo sase reo Egyptiana ze hisanareo androane. [14]Yaveh ro hialy ho anareo, vaho hiamby
avao nareo."[15]Vaho nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "Nanao akore iriha Mosesy, ro mboe mikaike Ahike
avao? Rehafo reo Israelita soa handeha. [16]Asondroto ty fitognonao, ahintsio eo amy ty ranomsy ty tagnanao le
zarao roe zane, soa hahazahoa ty vahoagn'Israely mamakivake ty ranomasy amy ty tane maike. [17]Tiarovo te
hagnamafe ty arofo ty Egyptiana Raho le hagnea aiereo. Hahazo hasy raho noho ty amym ndre Farao naho reoi
miaramilane, ty saretine, vaho reo mijon-tsoavale iaby. [18]Vaho ho hay reo Egyptiana te Iraho ro Yaveh lafa nahazo
hase noho ty tamy ndre Farao, reo saretine, vahoreo mpijon-tsoavaline Raho.[19]Ty anjele ty Andragnahare, ze
nandeha teo aloha reo Israelita, le nifindra vaho nandeha ao an-dabosy iareo. Nifalo bak'eo agnoloa iareo
nandeha ao afara iareo ty hiboke. [20]Nandeha eo agnelagnela ty kianja ty Egypta naho ty kianja ty Israely iaze
hiboke. Hiboke mainte ho ahy reo Egyptiana zane, feie nagnazava ty halike ho hy reo Israelita, le tsy nisy
andanine nandeha agne amy ty raike hafa agnate ty halike.[21]Nagninty ty tagnane teo amy ty ranomasy re Mosesy.
Nampihemotse ty ranomasy tamy ty tioke-mahere bak'agneatignana Yaveh tamy io halike io la namalike ty
ranomasy ho tane maike. Tamy zane ro nizara roe ty rano. [22]Nandehaampagnivoa ty rano masy teo amy ty tane
maike reo Israelita. Namoro rndry teo ankavana naho ankavia iareo ty rano.[23]Nagnea aiereo ty Egyptiana.
Nagnea aiero nandeha ao ampignivoan-dranomasy__reo soavale, sarete, vaho ty mpijon-tsoavale ndre Farao iaby.
[24]Feie vao maraindray bey, le nivamba ty tafike Egyptiana teo amy ty lelan'afo naho hiboke Yaveh. Nahaavy
horohoro teo amy reo Egyptiana re. [25]Nipitsike ty laro reo sarete, vaho nandeha tamim-pahasahiragna reo
mpijon-tsoavale. Kea le nanao reo Egyptiana tihoe: "Andeha itika hilay ahy Israely, te Yaveh ro mialy amintika ho
aiereo."[26]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "Ahintio eo amy ty ranomasy ty tagnanao soa himpoly hidoboke
eo amy reo Egyptiana, ty sarete iareo vaho reo mpipjon-tsoavaline ty rano." [27]Kea le nagninty ndre Mosesy teo
amy ty ranomasy ty tagnane, vaho nimpoly tamy ty toerane zane lafa avy ty maraindray. Nilay tao amy ty
ranomasy rei egyptiana, vaho nisintone Yaveh teo ampignivoa zane iareo. [28]Nimpoly ty rano le nisaro reo sarete,
reo mpijon-tsoavaly vaho reo tafike iaby ze nagnarake ty sarete tao agnate ranomasy. Tsy nisy tafaboake velo.
[29]Feie, reo Israelita le nandia tane maike teo ampagnivoan-dranomasy. Rindry bak'eo an-tagna ankavana naho
ankavia ho aiereo ty rano. [30]Kea namonje ahy ty Israely tamy ty tagna ty Egyptiana Yaveh tamy io andro io, vaho
nahisake faty Egyptiana teo agnolon-dranomasy re Mosesy. [31]Lafa nahisake ty here befoloay nampiasay Yaveh
hanohera ty Egyptiana ty Israely, le nagnomey hasy ahy Yaveh ty vahoake, vaho nino ahy Yaveh naho Mosesy
mpiasane iareo.

## Chapter 15

[1]Le niantsa zao hiantsa zao ho ahay Yaveh re Mosesy naho ty vahoagn'Israely. Niantsa iareo tihoe: "Hiantsa ho
ahy re Yaveh raho, te fa nandrese tamy ty hady Reke; ty soavaly naho ty mpijozan le natorane tao ampo
ranomasy.[2]Yaveh ro hereko naho hiantsako, vaho fa nanjary famonjea ahike Reke. Zane ro Andragnanahare reo
Razako, Vaho hiantsa Aze raho, Andragnahare reo razako, vaho hanondrotse Aze raho. [3]Yaveh le mpialy; Yaveh ro
agnarane.[4]Nanorake ty sarete ty re Farao naho ty tafike tao agnate ranomasy Reke. Reo manan-kasy voafily ndre
Farao le nilentike tao agnate ty Ranomasy Mena. [5]Ty laliky nisaro aiereo; le nilenteke tane amy ty lalike
manahake ty vato iareo.[6]Ty tagnanao ankavana, Yaveh, le manan-kasy amy ty here; ty tagnanao ankavana, Yaveh,
le nanorotoro ty fahavalo. [7]Tamy ty hasy bey ro nandavoanao ze nitsanga hanohitse Anao. Nalefanao ty siakinao;
nandrava aiereo manahake ty lila zane. [8]Taamy ty fofo ty fiay ty oronao ro namory reo raano; manahake ty
fikomboan-jaka; ty rano lalike le nivonga tagne amy ty fagnambane ty ranomasy.[9]Nanao tihoe ty fahavalo:
'Hagnea raho, hisambotse raho, hizara ze babo raho; ty fagniriako le ho vita amy iareo; hampiboake ty meso
raho; hamotike aiereo ty tagnako.' [10]nitioke tamy ty tioke iriha, le nandrakotse aiereo ty ranomasy; nilenteke
manahake ty firake agnate ty rano mahere iareo. [11]Ia ro manahake Anao, Yaveh, eo amy reo andragnahare? Ia ro
manahake Anao, manan-kasy amy ty fahamasigna, omean-kasy amy ty antsa, manao fahaveregna?[12]Nagninty ty
tagnanao ankavana Iriha, le nitele aiereo ty tane. [13]Tao amy ty fagnekeanao tsy mivalike ro nitarihanao ty
vahoake ze navotanao. Tamy ty tanjakao ro nnitarihanao aiereo tagne amy ty toera masy ze nitobohanao.
[14]Haheno reo vahoake, vaho hititike iareo; hisambotse reo vahoake ndre Filistia ty horohoro. [15]Le hatahotse reo
lehibey ndre Edoma; reo miaramila ndre Moaba le hihozohozo; ty vahoake ty Kanana iaby le ho valake.[16]Ty
horohoro naho ty tahotse le holavo amy iareo. Noho ty here ty sandrenao, le ho lasa hijano manahake ty vato
mandra-pandrigne reo vahoake navotanao.[17]Handay aiereo vaho hampitoboke aiereo egne am-bohitse ty lovanao
Iriha, iaze toera, ty Yaveh, ze fa nataonao hitoera, ty fitoera masy, ty Tomponay, ze namboare ty tagnanao.
[18]Hanjaka zisikam-parane agne Yaveh."[19]Te reo soavale ndre Farao le nandeha niarake tamy reo saretine naho reo
mpijon-tsoavaline tagne ampo ty ranomasy. Nampimpoly ty rano y ranomasy tamy iareo Yaveh. Feie reo Israelita
nandeha tamy ty tane maike teo agnelagnela ty ranomasy. [20]Miriama iaze mpitoke ampela, rahahave ndre Arona,
nangalake ampongatapake, vaho reo ampela iaby niboake niarake tamy ty ampongatapake, nisinjake
nagnanrake aze. [21]Niantsa ho ahy Yaveh, te nandrese am-boninahitse Reke. Ty soavale naho ty mijo zane le
natorane tao agnate ranomasy."[22]Le nitarike ty Israely nanomboke teo amy ty ranomasy Mena re Mosesy. Niboale
bak'ao amy ty tany tsy raraha ndre Sora iareo. Nandeha telo andro tagne amy ty tane tsy misy raraha vaho tsy
nahisake rano iareo. [23]Le avy tagne Mara iareo, feie tsy afake nino ty rano tao satria nafaitse zane. Le kinay iareo
tihoe Mara zane toera zane.[24]Le nitaray tamy ndre Mosesy reo vahoake vaho nitsara tihoe: "Ino ro azonay
inome?" [25]Nikaike mafe ahy Yaveh re Mosesy, vaho namoake aze hetae raike Yaveh, nanorake zane tao agnate ty
rano Mosesy, le lasa azo inome ty rano. Teo ro nagnomeza Yaveh lalàgna sarotse aiereo, vaho teo ro nitsapane
aiereo. [26]Nanao tihoe Reke: "Laha mitsano soa ty feo Yaveh Andragnaharenareo nareo, vaho manao ze marene eo
amy ty fannjone, vaho laha manongilan-tsofy amy reo liline la magnina reo liline iabby nareo__le tsy maintse
ataoko aminareo reo arete ze nataoko tamy reo Egyptiana, te Iraho ro Yaveh zew magnafake anareo."[27]Vaho reo
vahoake avy tagne Elima, zay nisy lahorano folo roa amby naho hetaen-drofia fitopolo. Nignianja tagne teo agnila
rano iareo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 16

1Nanohy ty lia iareo baka agne Elima ty vahoake, vaho ty fikambana ty Israelita le avy tagne amy ty tane tsy misy
raraha ndre Sina, ze magnelagnela ahy ndre Elima naho Sinay, tamy ty andro fahadimy amy ty vola faharoa
tafara ty fiala iareo bak,ao amy ty tane Egypta. 2Nitoreo nihi re Mosesy naho Arona ty fikambana ty Israelita iaby
tagne amy ty tane tsy misy raraha. 3Vaho nanao tihoe iareo: "Laha soa maty ty tagna Yaveh tagne amy ty tane
Egypta avao tika tamy ty nitobohantika teo agnila reo valagnin-kena le nitava mofo le voke. Te nandesinao
niboake ho atoy amy toy tane tsy misy raraha toy zaha soa hahafaty kere ty fikambananay iaby."4Bak'eo Yaveh
nitsara tamy ty Mosesy tihoe: "Handatsake mofo bak'agne an-dagnitse ho anareo Raho. Hiboake reo ndaty vaho
hamory ty sahaza hohanene san'andro soa hahazahoako mitsapa aiereo, hahisahako laha handeha arake ty liliko
iareo na tsy handeha. 5Vaho amy ty andro fahaene, iareo le hamory indroe mihoatse amy ze fa navory iareo
san'andro teo aloha, le hahandro ze ho anadesy iareo."6Bak'eo le nandesy tamy reo vahogn'Israaely re Mosesy
naho Arona tihoe: Amy zao hariva le ho hainarei te Yaveh ro namoake anareo bak'agne amy ty tane Egypta. 7Ty
maraindray le hahisake ty hasy Yaveh nareo, te Re mahaheno ty fitoreonareo noho ty Amine. Ia moa zahay ro le
mampitoroe anareo?" 8Nanao tihoe kea re Mosesy: "Ho hainareo zane lafa homey Yaveh hena nareo ty hariva
vaho mahatanjake ty maraindray ze antalilianareo noho ty Amine. Ia moa Iraho naho Arona? Tsy manohitse
anay ty fitoroenareo; te manohitse ahy Yaveh."9Mosesy nitsara ahy ndre Arona tihoe: "Antalilio amy ty fikambana
ty vahoagn'Israely iaby tihoe: 'Momonjea eo agnatreha Yaveh, te fa tsano ty fitoeranao.'" 10Vaho laha niresake
tamy ty fikamba ty vahoagn'Israely iaby re Arona, le nivamba nagnatrike ty tane tsy misy raraha iareo, vaho
ingo, niseho tamy iareo tegne amy ty hiboke ty hasy Yaveh. 11Le nirehake tamy ndre Mosesy Yaveh vaho nanao
tihoe: 12"Te henoke ty fitoreo reo vahoagn'Israely. Vaho mirehafa amy iareo le taliliio tihoe: Hitavan-kena nareo ty
maraindray. Le ho hainareo te iraho iaze Yaveh Andragnaharehanareo.'"13Vaho lafa hariva le nisy papelika
niakatse sy nandrakotse ty kianja. Ty maraindray le nandre magnodidy ty kianja ty ando. 14Lafa lasa ty ando, le
nisy bolokon-draraha matify manahake fanala teo amy ty tane tamy ty faritsy ty tane tsy misy raraha. 15Vaho lafa
nahisake zane ty vahoagn'Israely, le nagnontane iareo tihoe: 'Ino io?" Tsy hay iareo tihoe ino iaze ie. Le nanao
tihoe Mosesy tamy iareo: "Io ro mofo nomey Yaveh hotavae.16Zao ro lily nomey Yaveh: "lonike ty kiraikiraike
aminareo hamory ze tokone hatavainareo, le ty meza ty gomara raike sake ty vahoagnao. Manahake zao ro
hamorianao zane: Mamoria ze ampy hotavay ty ndaty kiraikiraike ze mitoboke ao ampo ty lainao.'" 17Natao reo
vahoagn'Israely zane. Ty sasane namory lahialy, vaho ty sasane namory kele. 18Laha nimeza iareo tamy ty gomara
fagnameza zane, reo zay namory lahiale le tsy nisy ambine, vaho ze namory kele le nana ty ampy. Ty ndaty
kiraikiraike le namory ze ampy ho ahy ty filane.19Le nanao tihoe Mosesy tamy iareo: "Lonike tsy hisy hapipoke
sisa amy zane zisik'iavia ty maraindray." 20Na zane aza, le tsy hitsano ahy re Mosesy iareo. Nisy sasane tamy iareo
ro napipoke sisa tamy zane zisike maraindary, te niboake holitsy naho lasa maimbo zane. 21Le nanjare masiake
tamy iareo Mosesy. Le navory iareo sake-maray zane sambe namory ty magneva aze ty ndaty kiraikiraike soa
hotavay tamy io andro io. Lafa nahamae ty masoandro, le rava zane.22Vaho tamy ty andro fahaene le namory
mofo indroe mihoatse sake ty ndaty iareo, gomara roe sake ndaty. Ty lehibey ty fikambana iaby namonje vaho
nitalily zane tamy ndre Mosesy. 23Vaho nanao tihoe re tamy iareo: Zao ro voatalily Yaveh: "Fitofa masy hamray,
Sabata masy ho fagnaja ahy Yaveh. Hendazo ze taenareo hendaze, vahoandraho ze teanareo handrohoe. Vaho
ampirimo ho anareo, zisike maraindray ty ambine iaby amy zane.'"24Le nampirime iareo zisike-maraindray zane,
arake ze nandilia ndre Mosesy. Vaho tsy maimbo zane, na nahisaha holitse tamine. 25Zao ty nata Mosesy: "Tavao
amy zao reto mahatanjake reto, teo androane le andro voatoka ho Sabata soa hiasia ahy Yaveh. Vaho androane le
tsy hahisake zane agna am-baibo nareo.26Vaho hamory zane agnate ty enegn'andro nareo, te ty andro faha fito le
andro Sabata. Ty andro Sabata le tsy hisy mana. 27Vaho tamy ty andro faha fito le maro reo ndaty ro nandeha
niboake namory mana, te tsy nahisake na ino na ino iareo.28Vaho nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "Zisikim-
bia ro handieranareo hiamby reo liliko naho lalàgnako? 29Ingo, nomey Yaveh anareo ty andro Sabata. Vaho amy
ty andro faha fahaene le hagnomey anareo mofo agnate ty roe andro Re. Lonike Hiegne eo amy ty toera misy aze
iaby nareo; tsy misy mahazo miboake eo amy ty toera misy aze amy ty andro fahafito." 30Noho zane le nitofa tamy
ty andro fahafito ty vahoake.31"Mana" ro nikaiha iareo vahoagn'Israely zane mahatanjake zane. Foty manahake ty
koriandra matify misy tantele. 32Zao ty nata Mosesy: "Zao ro lily Yaveh: 'Lonike hisy mana raeke gomara ho
voatahiry mandritse ty taranake ty vahoagnao, soa hahisake reo mofo namahanako anareo tagne amy ty tane tsy
misy raraha ty taranagnareo, tafara ty nandesako anareo niboake bak'agne Egypta.'"33Vaho nanao tihoe Mosesy
tamy ndre Arona: "Mangalà valagna vaho asio mana raike gomara ao. Ampoho eo aolo Yaveh zane sao voatahiry
mandritse ty taranake ty vahoake." 34Arake ty nandilia Yaveh ahy re Mosesy, le nampirime ndre Arona tamy ty
lalàgna ty fagnekea tao ampo fiara zane. 35Nitava mana agnate ty efapolo tao ty vahoagn'Iraely zisike iavia aiereo


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

tagne amy ty tane misy ndaty. nitava zane iareo zisik'iavia aiereo teo amy ty sisin-tane ty Kanana. [36]Vaho ty
gomara raike le mitovy ampahafolo ty efaha raike

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 17

[1]Reo fiaraisamonign'Iasrely iaby le nadeha bak'agne amy ty tane tsy raraha ndre Sina nagnarake reo torolala ty
Andragnahare. Nagnianja tao Refidima iareo feie tsy nisy rano hinome ty vahaoke tao. [2]Le nagnomey tsiny ahy
ndre Mosesy noho zay zaka-nisy tamy iareo zay ty vahoake vaho nanao tihoe: "Nanao akore ro mifanditse amiko
nareo? Nanao ro mangalake fagnahy ahy Yaveh nareo?" [3]Naran-drano mafe reo vahoke, le nitoreo tamy ndre
Mosesy iareo. Nanao tihoe iareo: "Nanao akore ro nanday anay niakatse bak'ao Egypta iriha? Soa hamono anay
naho reo anagnay vaho reo biby fiharenay amy ty harandrano?"[4]Le nikaike mafy ahy Yaveh re Mosesy tihoe: "Ino
ro tokone anoeko amy toy vahoake toy? Fa vonogne hitora-bato ahike iareo." [5]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre
Mosesy: "Mandena eo aolo reo vahoake, vaho andeso miarake aminao reo ndaty bey ty Israely sasane. Andeso
miarake aminao ty fitogno zay namofohanao ty vavarano, vaho mandena. [6]Hitsanga eo alohanao agne eo amy ty
vatombey ao Horeba Raho, vaho hamofoke ty vatomby iriha. Hisy rano hiboake amy zane soa himony ty
vahoake." Le nanao zane teo amaso reo ndaty bey ty Israely re Mosesy. [7]Nikaike zane toera zane tihoe Masa naho
Meriba noho ty fitoreo reo Israelita re, vaho satria fa nangalake fagnahy ty Tompo iareo tamy ty nirehefane tihoe:
"Eto aminay vao Yaveh sa tsia?"[8]Le avy vaho nanafike ahy ty Israely tao Refidima ty tafiky ty vahoake Amalekita.
[9]Le nanao tihoe Mosesy tamy Josoa: "Mifilia lehilahy maromaro vaho miboaha. Mialia amy ty Amalekita.
Hamaray le hitanga eo ambony haboa miarake amy ty fitogn'Andragnahare eo an-tagnako raho." [10]Le nialy ta,y ty
amalekita arake ty nandilia ndre Mosesy aze Josoa, laha niakatse tao amboy ty haboa kea Mosesy, Arona, vaho
Hora.[11]Lafa nananga ty tagnane ho ambone Mosesy, le nandrese Ysraely; lafa nagnenga ty tagnane hitofa re, le
nanomboke nadresy ty Amalekita. [12]Lafa nihanavesatsy ty tagna ndre Mosesy, le nangalake vato re Arona naho
Hora vaho nametrake zane tao ambanine soa hitobohane. Tamy io fotoa io avao, le nitanjake ty tagnane ho
ambone re Arona naho Hora, ty ndaty raike teo andanine, vaho ty ndaty raike hafa teo amy ankilane. Vaho le
voatajake mareo reo tagna ndre Mosesy zisikim-pitsofora ty masondro. [13]Le nandrese ty vahoake ty Amalekita
tamy ty Meso re Josoa.[14]Nanao tihoe tamy ndre Mosesy: " Sorato amy ty boke zao le vakio eo an-tsofy ndre Josoa,
satria hamono vantae ty fahatiarova ty amalekita tsy ho etoy ambany ty lagnutse Raho." [15]Le nagnory alitara re
Mosesy vaho nikaike zane tihoe: Yaveh ro fagnevako." [16]Nanao tihoe re: "Te ty tagna le nasondrotse ambone ho
amy ty seza fiankina Yaveh__te Yaveh hialy amy ty Amalekita amy reo taranake fara misolo iaby


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 18

[1]Naharey ty raraha natao ty Andragnahare tamy ndre Mosesy naho ty Israely vahoagne re Jetro, mpisoro Midiana, rafozan-dahy ndre Mosesy. Tsanone te Yaveh nanday ty Israely niboake ahy ty Egypta. [2]Nalae ndre Jefro, rafozan-dahy ndre Mosesy re Zipora, valy ndre Mosesy, tafara ty nampoliany aze, [3]vaho reo anane roe lahy; ty agnara ty raike le Gersoma, satria nanao tihoe Mosesy: "Fa mbahiny tagne amy ty tane ty firenena hafa raho." [4]Eliezera kea ro agnara iaze raikey, satria nanao tihoe: "Ty Andragnahare ty razako ro namonje ahike. Nagnavotse ahike tamy ty meso ndre Farao Re."[5]Avy niarake tamy ty anandahy ndre Mosesy naho ty valine tagne amy ndre Mosesy tagn amy ty tane tsy raraha ze nagnianjane teo am-bohitse ty Andragnahare re Jetro, rafozan-dahine. [6]Nanao tihoe re tamy ndre Mosesy : "Iraho, Jetro rafozan-dahinao, le avy atoy aminao miarake amy ty valinao naho ty anandahinao roe."[7]Niboake nanalaka ty rafozan-dahine Mosesy, nandohalike re, vaho nagnoroke aze. Nifagnontane fahalamana iareo vaho nizilike tao an-day bak'eo. [8]Nitalily ndre Mosesy tamy ty rafozandahine reo iaby natao Yaveh tamy ndre Farao naho ty Egyptiana noho ty amy ty Israely , reo aly sarotse nahazo aze tegne aan-dala, vaho ty fomba nagnavota Yaveh aiereo.[9]Le fale Jefro noho ty soa iaby ze natao Yaveh tamy ty Israely, tamy ty nagnavotane aiereo tamy ty tagna ty Egyptiana. [10]Nanao tihoe Jetro: "Ho antsaina vantae Yaveh, satria Re nagnavotse anao teo an-tagna ty Egyptiana naho teo an-tagna ndre Farao, vaho nagnafake ty ndaty teo am-pelatagna reo Egyptiana. [11]haintso amy henanezao te lehibey noho ty andragnahare iaby Yaveh, satria laha nanday ty Israelita tamim-piavognavogna ty egyptiana, le nagnavota ty Andragnahare tyndatine."[12]Nanday fagnatitse oroa vaho soro ho ahy ty Andragnahare re Jetro, rafozan-dahy ndre Mosesy. Le avy nisakafo niarake tamy ndre Jetro, rafozan-dahy ndre Mosesy, teo agnatreha ty Andragnahare re Arona naho reo ndaty bey ty Israely iaby.[13]Ty hamaray le nitoboke hitsara ty ndaty re Mosesy. Nitsanga nagnodidy aze ty ndaty nanomboke ty maray zisike ty hariva. [14]Lafa nahisake reo iaby natao ndre Mosesy tamy ty vahoake ty rafozan-dahine, le nanao tihoe re: "Te ino anoenao miarake amy ty ndaty? Nanao akore iriha arere ro mitoboke vaho ty ndaty iaby mitsanga magnodidy anao nanomboke maraindray hatramy ty hariva?"[15]Le nanao tihoe Mosesy tamy ty rafozan-dahine: "Mamonjy ahike ty ndaty soa hagnontany ty tari-dala ty Andragnahare. [16]Lafa misy sotasota eo amy iareo, le iraho ro hovonjene. Iraho ro manapa-kevitse eo amy ty roe tonta, le mampianatse aiereo ty lily ty Andragnahare naho ty lalàgnane."[17]Nanao tihoe rafozan-dahy ndre Mosesy tamine: "Tsy le mete loatse ty zaka ataonao. [18]Ho vozake vantae nareo, le iriha naho reo ndaty ze miarake aminao. Mavesatse loatse ho anao zao joga zao. Tsy vitanao arere io. [19]Heno raho. Hanoro hevitse anao raho, vaho Andragnahare hiaro anao, satria iriha ro solotena ty ndaty eo agnatreha ty Andragnahare, naho manday ty aly iareo eo amine. [20]Tsy maintse hampianarinao aiereo ty liline naho lalàgnane. Tsy maintse hasehonao aiereo ty lala tokone handehana naho ty asa tokone hatao.[21]Vaho kea, tsy maintse mifily lehilahy mahay bak'amy ty ndaty iaby iriha, le lehilahy ze magnomey hasy ahy ty Andragnahare, lehilahy ty fahamarigna ze tsy tea kolikoly. Tsy maintse hapetrake ho mpanapake ty ndaty iareo, soa ho mpifehe arivo, zato, dimampolo, vaho folo. [22]Iareo ro hitsara ty ndaty amy ty raraha mahazatse iaby, te ty raraha sarotse vaha kea handesy iareo agne aminao. Ty amy reo raha miseho malinike, ty vabtae iareo avao le ho mora hitsar zane. Amy zay le ho aminao, vaho iareo hiara-hitratra ze mavesatse aminao. [23]Laha manao zane iriha, vaho laha Anadragnahare ro mandily anao hanao zane, le hahavita hiaritse iriha, vaho ty ndaty iaby afake holy agne angnajomba amy ty fahafaham-po."[24]Nihenoy ndre Mosesy ty tsaran-drafozane vaho nataone iaby ze iaby nitaliliene. [25]Le nifily lehilahy soa laza bak'amy reo Israely iaby Mosesy le nanao aiereo ho mpitarike ty vahoake, le ho mpamehy ty arivo, zato, dimampolo, vaho folo. [26]Nitsara ty ndaty tamy ty zaka miseho mora iareo. Reo zaka miseho sarom-baha ro nandesy tagne amy ndre Mosesy, te ty vatagn'iareo avao ro nitsara reo zaka miseho malinike. [27]Le nagnenga ty rafozan-dahine handeha Mosesy, vaho Jetro noly tagne amy ty tanine.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 19

[1]Tamy ty vola fahatelo tafara ty niala ty vahoagn'Israely ty tane Egypta, tamy io andro io avao, ro nahaavhy iareo
tagne amy ty tane tsy misy raraha ndre Sinay. [2]Kea lafa niala tao Refidima iareo le nandeha agne amy ty tane tsy
misy raraha ndre Sinay, le nagnianja tao amy ty tane tsy misy raraha teo agnoloa ty vohitse.[3]Le niakatse tao amy
ty Andragnahare Mosesy. Le nikaike aze bak'eo amy ty vohitse Yaveh le nanao tihoe: "Tsy maintse hitalilianao ty
asaveregna ndre Jakoba, le ty vahoagn'Israely tihoe: [4]Fa hisanareo ze nataoko tamy ty Egyptiana, ty fomba
nandesako anareo tamy ty elatsy ty voromahere naho ty nitaomako anareo ho eto amiko. [5]Kea amy henanezao,
laha mitsano am-pagnina ty feoko nareo le miamby ty fagnekeko le ho fanagna manoka ho Ahike nareo mihoatse
amy ty ndaty iaby, satria Ahike ty tane iaby. [6]Le ho fanjaka-mpisoro naho ho firenena masy ho Ahike nareo. Reo
tsara reo ro tsy maintse ho talilinao amy ty vahoagn'Israely."[7]Le avy Mosesy le nikaike reo ndaty bey ty vahoake.
Le nalahane nagnoloa aiereo ty tsara iaby ze nandilia Yaveh aze. [8]Kea niarake namale reo vahoake le nanao
tihoe: "Hanoenay ze iaby nitalily Yaveh." le natao ndre Mosesy tamy Yaveh ty reha ty ndaty. [9]Le nanao tihoe
Yaveh tamy ndre Mosesy tihoe: "Ho avy eo aminao agnate hiboke matevy Raho soa hahazahoa ty vahoake
mitsano anao laha mitsara miarake aminao Raho vaho soa hahazahoane hino anao zisikam-parane kea." Le
natalily ndre Mosesy tamy Yaveh reo tsara ty vahoake.[10]Le nanao tihoe tamy ndre Mosesy: "Mandena agne amy ty
vahoake. Androane naho hamaray ro tsy maintse hagnamasignanao ho Ahike aiereo, vaho ataovo liova iareo ty
fisikinane. [11]Mivonogna amy ty andro fahatelo, te ammy ty andro fahatelo le hizotso ho amy ty vohitse ndre Sinay
Yaveh[12]Asio fefe ty magnodidy ty vohitse ho ahy ty vahoake. Talilio amy iareo tihoe: 'Ambeno soa tsy
hiakaranareo ty vohitse na hikasihanareo ty sisiny zane. Na ia na ia mikasike ty vohitse le hovonoa ho mate
vantae re.' [13]Tsy hisy tagna hikasike ndaty manahake zane. Te kea, hotarihim-bato vantae re na hotifiry. Na ndaty
zane na biby, le tsy maintse vonoa re. Lafa tsanone ty feo ty trompetra, vao afake mandeha ho eo am-pototse ty
vohitse iareo."[14]Le nizotso ty vohitsy Mosesy soa ho eo amy ty vahoake. Nihamasignine ho ahy Yaveh ty ndaty
vaho reo kea nadio ty fisikinane. [15]Le nanao tihoe re tamy ty vahoake: "Mivonogna amy ty andro fahatelo; kea ko
miharine ty valinareo."[16]Tamy ty andro fahatelo, lafa maraindray, le nisy hotrokora naho helatse vaho hiboke
matevy teo am-bohitse, vaho feon-trompetra mafe fagneno. Nitititiky ty ndaty iaby teo amy kianja. [17]Le nandesy
ndre Mosesy niboake ty kianja ty ndaty soa hitsano amy ty Andragnahare, vaho nitsanga teo am-pototsy ty
vohitse iareo. [18]Feno setroke vantae ty vahitsy Sinay satria nizotso teo amine tamy ty afo naho setroky Yaveh. Le
niakatse manahake ty setroke ty laforo lahibey ty setroke,nihozohozo mafe ty vohitse iaby.[19]Lafa nihamafy le
mafy ty feo ty trompetra, le nitsara Mosesy, vaho namale feo aze Andragnahare. [20]Le nizotso te am-bohitse Sinay
Yaveh, teo ambony vohitse, vaho nikaike ahy ndre Mosesy ho ao ambony Re. Le niakatse Mosesy noho zane. [21]Le
nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "MIzotsoa le hampitandremo ty ndaty tsy hisiske ho atoy amiko soa hizaha,
laha tsy zane le ho maro amy iareo ro ho maty,. [22]Lonike avao kea reo mpisoro ze marinike Ahike soa hanoka ty
tegnane__hampiomàno iareo ty amy ty fiaviako__soa tsy hamofoke aiereo Raho."[23]Le nanao tihoe Mosesy tamy
yaveh: "Tsy afake hiakatse ty vohitse ty ndaty, te nandily anay Iriha tihoe: 'Asio fefe magnodidy ty vohitse le
hatokano ho ahy Yaveh zane."' [24]Le nanao tihoe Yaveh tamine: "Mandena, mizotso ty vohitse, le andeso miakatse
miarake aminao re Arona, feie ko ampoke handrava ty fefe magnantoy amiko reo mpisoro naho reo vahoake,
saode hamofoke aiereo Raho." [25]Le nizotso teo amy ty vahoake Mosesy le nitsara tamy iareo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 20

[1]Andragnahare nitalily zao tsara iaby zao: [2]"Iraho ro Yaveh Andragnaharenao, ze nanday anao niboake bak'agne
amy ty tane Egypta, bak'ao amy ty tragno fagnandevoza. [3]Ko managn'andragnaharen-kafa te iraho avao.[4]Ko
manao saren-jaka voasokitse ho anao na ho endreke ty zaka egne amy ty lagnitse ambone, na ze etoy amy ty tane
ambane, na ze agne amy ty rano ambany ty tane. [5]Ko mihohoke eo agnatrehane vaho ko manompo aze, te Iraho,
Yaveh Andragnaharenao, le Andragnanahre sarotine. Le ty haratiam-pagnahy ty razagnao le valiako agne amy ty
taranagnao, le ty anake naho zafiafy reo ze malay ahike. [6]Feie kea maneho tsy fivaliham-pagnekea amy ty ndaty
arivo misolo ze tea Ahike le miamby reo lilikko Raho.[7]Ko manogno fahatane ty tahina Yaveh Andragnaharenao, te
Iraho le hitanjake reo ze manogno fahatane ty tahinako.[8]Tiarovo ty andro Sabata, soa hanokana zane ho Ahike.
[9]Lonike hataonao agnate enign'andro ty asa amy ty raraha iaby. [10]Te ty andro fahafito le Sabata ahy Yaveh
Andragnaharenao. Amy zane le tsy tokone hisy asa anoe, na ty anandahinao, na ty anak'ampelanao, na ty
mpiasanao lehilahy, na ty mpiasanao ampela, na ty biby fiharenao, na ty reo mbahine ze mizilike agnate ty
vavahadinao. [11]Te agnate ty enegn'andro Yaveh ro namboatse ty tane naho ty lagnitse, ty ranomasy, vaho raraha
iaby ze ao agnaty zane, vaho nitofa tamy ty andro fahafito. Noho zane Yaveh le nitahy ty andro Sabata le nanoka
zane.[12]Miasia ty raenao naho ty renenao, soa ho lava andro iaigna iriha eo amy ty tane ze omey ty Andragnahare
anao. [13]Ko mamono ndaty. [14]Ko mijanganjanga.[15]Ko mangalatse agne amy ty ndaty. [16]Ko mitsanga vavolombelo tsy
to manohitse ty ragninao. [17]Ko magniry ty anjomba ty ragninao, ko magniry valy ty ragninao ty mpiasane
lehilahy, ty mpiasane ampela, ty agnombine ty borikine, na ze iaby hanagna ty ragninao.[18]Vaho ty ndaty iaby
naheno ty hotrok'ora naho ty helatse vaho nahaheno ty feo ty trompetra, vaho nahisake ty vohitse nanetroke.
Lafa nahisake zane ty ndaty, le nitititke iareo vaho nitsanga baka lavitse. [19]Nanao tihoe iareo tamy ndre Mosesy:
"Mitsara aminay, vaho hitsano zahay; te ko ampoke hitsara aminay Andragnahare, saode ho maty zahay." [20]Nanao
tihoe Mosesy tamy ty ndaty: " Ko matahotse, te Andragnahare le avy hitsapa anareo soa ho aminareo ty hasine,
vaho soa tsy hanaovanareo rate." [21]Le nijano tegne lavitse tegne ty ndaty, vaho Mosesy namonje ty ieke im-pito ze
nisy ahy ty Andragnahare.[22]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: " Zao ro tsy maintse talilienao amy ty Isrelita:
'Nareo fa nahisake te tagne an-dagnitse raho ro nitsara taminareo. [23]Nareo le tsy tokone hanao andragnahare
volafote na reo andragnahare volamena.[24]Tokone hamboatse alitara tagne ahike nareo, vaho tokone anao soro
amy ty fagnatitse oroa eo ambonine, fagnatitse fiharoa, agnondre, vaho ty agnombe. Eka amy ty toera ze nofiliko
ho anareo hagnomze hasy Ahike. [25]Laha hamboatse alitara vato ho ahike hianareo, le lonike tsy ho vato vaopaike
ro hagnamboaranareo aze , satria laha hampiasa ty fitaovanareo amine nareo, le handoto zane. [26]Ko miakatse
amy ty farane ambone ho eo amy ty alitarako; zane le soa tsy hisehoa ty fimegnaranareo.'"

## Chapter 21

[1]Vaho reto ro lily zay tsy maintse haponao eo agnoloa iareo:[2]"Laha mivily mpiasa Hebreo riha, le hiasa agnate ty
enn-tao re, vaho amy ty tso fahafito le handeha malalake tsy handao na ino na ino re. [3]Laha re ke vatane ro avy, le
tsy maintse mandeha an-kalalaha ty vantane; laha manambaly re, ty valine le tsy maintse mandeha an-
kahalalaha miarake amine. [4]Laha magnome valy ho aze ty tompone le niterake ajajalahy na ajaja ampela tamine
re, le ty valine naho reo anane le ho ahy ty tompone, vaho tsy maintse mandeha an-kalalaha ty vatane.[5]Te laha
mirehake mazava soa iaze mpiasa tihoe: "Teako ty tompoko, ty valiko, naho re anako; tsy handeha am-pahalala
raho," [6]le lonike handay aze ho eo amy ty andragnahare ty tompone. Tsy maintse handay aze eo am-baravarava
na tolam-baravarava iaze tompo, le tsy maintse loahy ty tompone amy ty haolo ty sofine. Vaho le hanompo aze
mandra-pahatapitsy ty fiaine iaze manompo.[7]Laha misy lehilahy mivarotse ty anak'ampelane ho mpiasa ampela,
le tsy handeha an-kahalalaha manahake iaze mpiasa lahy re. [8]Te laha tsy mahafale tompone re hapipoke aze
hovily ndraike. Tsy manan-jo hivarotse aze amy ty bahiny re. Tsy manan-jo manahake zane re, satria namitake
aze[9]Laha fily ty tompone hanahake ty valy ho ahy ty anandahine re, le tsy maintse handay aze manahake ty
anak'ampelane re. [10]Laha mangalake valy hafa ho aze re, letsy toko hampihena ty mahatajakine, ty fisikinane, na
ty zo ara-panambaliane. [11]Te laha tsy magnome aiereo raraha telo reo, le afake mandeha ankahalalaha re vaho
tsy mandoa vola.[12]Na ia na ia mamono ndaty le mahafaty aze, le lonike ho vonoa vantane zane ndaty zane. [13]Te
laha tsy nagnoma mialoha zane iaze lehilahy, te tsy asa aze kea, le hanondro toera hahazahoane milay raho.
[14]Laha manafike an-tsitrapo ty mpiara-belo amine ty ndaty raike le mamono zae amy ty hevi-petse, le lonike
halanao re soa ho maty, na agne amy ty alitara ahy ty Andragnahare kea re.[15]Na ia na ia mamofoke ty raene na ty
rennene le tsy maintse hovonoa re. [16]Na ia na ia mangalake an-kerene ndaty raike le mivarotse aze, na trtsy tegny
an-tagnane iaze ndaty, le lonike ho vonoa vantane zane mpaka an-kerene zane. [17]Na ia na ia magnozo ty babane
naty renene le lonike ho vonoa vantane re.[18]Laha mialy reo lehilahy le mamaofoky ty raike amy ty vato na
komondro, le tsy maty zane ndaty zane, feie tsy afake miala eo am-pandreane; [19]vaho laha fake re le afake
mandeha amy ty fampiasa ty fitogno, le tsy maintse magnavake iaze fotoane vere iaze ndaty zay namofoke aze;
vaho tsy maintse miantoke ty fagnasitragna azeiaby avao kea re. Te zane ndaty zane le tsy meloke amy ty
famonoa.[20]Laha misy ndaty mamofoke ty mpiasane lahy na ty mpisane ampelane amy ty fitogno, laha maty noho
ty ratsy iazy mpiasa, le tsy maintse ho lilova vantane zane ndaty zane. [21]Feie, laha miay agnate ty andro raike na
roe iaze mpiasa, le tsy tokone ho lsazy iaze tompone, satria hijale amy iaze fahavereza ty mpiasane re.[22]Laha
mialy naho mandratsy ampela bevoka reo lehilahy, le afak'anaky re, nefa tsy misy ratsy hafa egne amine, le iaze
lehilahy meloke le tsy maintse magnantanterake zay sitrapone valy iaze ampela bak'amine, vaho tsy maintse
magnonitse zay arake ty famarita ty mpitsara re. [23]Te laha misy ratsy lehibey kea, [24]le tsy maintse magnome fiay
ho solo ty fiay, maso ho solo ty maso, hy ho solo ty hy, tagna ho solo ty tagna, tomboke ho solo ty tomboke, [25]maya
ho solo ty may, ratsy ho solo ty rasty, na manga ho solo ty manga re.[26]Laha misy ndaty mamofoke ty maso ty
mpiasa lehilahy na ty mpiasa ampela le manimba zane, le tsy maintse hapipoke iaze mpiasa handeha an-
kahalalaha ho fagnavaha ty masone re. [27]Vaho laha magnalake ty hy ty mpiasa lahine na mpiasa ampelane re, le
tsy maintse hapipoke aze handeha an-kahalalaha ho fagnavaha ty hy.[28]Laha misy aomby midodo lehilahy na
ampela le nahafaty aze, le tsy maintse ho torahy vato iaze aombe, vaho ty nofitsine le tsy azo hohany; le tsy ho
meloke tompo iaze aombe. [29]Te laha nanam-pahazara nadodo iaze aombe taloha, vaho nampitandrema ty
tompone feie tsy nitsano zane, le nahafaty lehilahy na ampela iaze aombe, le tsy maintse ho torahy vato zane
aombe zane, vaho tsy maintse hovonoa kea ty tompone. [30]Laha paiavy ty fandoava ndrala ho solo ty fiaine, le tsy
maintse handoa ze takene re,[31]Laha misy aombe nidodo ajajalahy na ajajampela, le tsy maintse manao zay teke ty
lily ho anoe iaze tompo ty aombe. [32]Laha midodo mpiasa lelihaly na mpiasa ampela iaze aombe, le tsy maintse
mandao sekely volafoty telopolo ty tompo iaze aombe, vaho tsy maintse ho torahy vato iaze aombe.[33]Lahy misy
ndaty manokatse lavake raike, na misy ndaty mihaly lavake feie tsy manaro zane, le misy aomby na boriky
latsake ao amy zane, [34]le tsy maintse mampimpoly ty fateantoke ty tompo iaze lavake. Tsy maintse magnomey
vola ho ahy ty tompo ty biby maty re, vaho reo biby maty le ho aze.[35]Laha misy aomby ty ndaty mandratse ty
aombe hafa le mahafate aze, le tsy maintse havily iareo ty aomby velo le ho zara ty viline, vaho tsy maintse zara
iareo avao kea ty aombe mate. [36]Te laha fahay te fa zatse nidodo iaze aombe teo aloha, le tsy niamby zany ty
tompone, le tsy maintse hagnavake aombe ho solo ty aombe re, vaho iaze biby mate le ho aze.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 22

1 Laha misy ndaty mangalatse aombe na aondre le mamono zane na mivarotse zane, le tsy maintse magnavake
aombe dimy ho ahy ty aombe raike re, vaho andre efatse ho ahy ty aondre raike. 2 Laha misy mpangalatse tratse
mamake tragno, vaho laha vonoa re ka mate, le tsy misy fagnameloha noho ty vono-ndaty handrohy na ia na ia
noho ty amine amy zane zaka miseho zane. 3 Te laha vaky ty masosndro taloha ty namakiane ty tragno, le
hamatotse iaze ndaty zay namono aze ty fagnameloha amy ty vono-ndaty. Tsy maintse magnavake ty nangalarine
ty mpangalatse. Laha tsy mana na ino na ino re, le tsy maintse avily noho ty fangalarane. 4 Laha hisake velo egne
an-tagnane iaze biby nangalarine, na aombe zane, na ampondra, na aondre, le tsy maintse hagnonitse ambone
roe mihoatse zane re. 5 Laha misy ndaty mamofoke ty biby fihare hiroake egne am-baibo na egne amy ty tanem-
boaloboke vaho mapipoke reo bibine ho vere, le miroake egne amy ty baibo ty ndaty hafa zane, le tsy maintse
magnonitse amy zay soa loatse ao amy ty baibone manoka naho zay soa loatse ao amy ty tanem-boalobone
manoka re. 6 Laha misy afo mirehitse le mihitatse amy ty fatike vaho ty voam-bare, na vare fa vita tampake, na
baibo, le azo antoke te tsy maintse hagnavake iaze raike nampirehitsy ty afo. 7 Laha misy ndaty magnaome ndrala
na hanagna amy ty namane amine soa hiarova zane, vaho laha nangalary tao an-tragno iaze ndaty zane, le hisa
iaze mpangalatse, le tsy maintse hagnavake ambone ty roe mihoatse iaze mpangaltse. 8 Te laha hisa iaze
mpangalatse, le tsy maintse avy alohany reo mpitsara iaze tompon-tragno soa hivamba laha ty tagnane avao ro
nangalatse ty fanagna fanagna iaze namane amine. 9 fifamalea iaby mikasike ty zaka raike, na aombe zane, na
apondra, na aondre, na fisikina, na reo zaka hafa tsy ampe mikasike zay taliliene raike tihoe: "Ahike toy," le tsy
maintse avy eo agnoloa reo mpitsara ty fitaraigna reo antoko roe. Iaze ndaty zay nimelohy ty mpitsara le toko
hagnaonitse ambone ty roe amy ty namane. 10 Laha misy ndaty magnome apondra, na aombe, na aondre na biby
hafa ho hajary ty mpiara-belo amine, le laha maty zane na marate na nisy nanday le tsy nisy nahisake, 11 le tsy
maintse mifanta amy Yaveh reo roe reo, laha nisy ndaty raike na tsy nangalatse ty fanagna ty mpiara-belo amine.
Tsy maintse magneke zane ty tompone, vaho tsy hanohitse iaze raike hafa. 12 Te laha nangalary tamine zane, le tsy
maintse magnavake zane amy iaze tompone ty hafa. 13 Laha nisy biby niletaleta, le lonike iaze ndaty hafa handay
iaze biby ho porofo. Vaho tsy hagnavake zay fa nilentalenta re. 14 Laha misy ndaty mindra biby amy ty mpiara-belo
amine le naratse na maty iaze biby feie tsy nirake tamy ty tompone, le tsy magnavake iaze ndaty hafa. 15 Te laha
niarake tamy zane iaze tompone, le tsy mila magnavake iaze ndaty hafa; laha nofa iaze biby, le hagnava amy ty
hofane zane. 16 Laha misy lehilahy misarike ampela mboe tsy nahasaky lahy mboe tsy nanambaly, vaho laha
miara-mandre amine re, le tsy maintse mangalake aze ho valy re amy ty alala ty tako-maso take amy zane. 17 Laha
mandà vantane ty hagnomeza aze ho aze ty babane, le tsy maintse magnavake ndrala mitovy amy ty tako-maso
ho ahy ty tsy mahasaky lahy re. 18 Tsy tokone hapipoke ty mpisikily ho velo iriha. 19 Na ia na ia miarake mandre
amy ty biby le tsy maintse ho vonoa vantane. 20 Na ia na ia manao soro ho ahy ty andragnahare afa-tsy Yaveh le tsy
maintse harava iaby,. 21 Lonike tsy handiso reo bahine na hampijaly aze iriha, satria le bahine tagne amy ty tane
Egypta. 22 Lonike tsy hampijaly ty vantotse na ajaja kambotse rae vantane iriha. 23 Laha mampjaly aiereo loatse
iriha, le mikaike Ahike iareo, le ho reko vantane ty kaiky iareo. 24 Hirehitse ty heloko, vaho ho vonoako amy ty
meso iriha; hanjary ho vantose ty valinao, vaho ho kambote rae reo ananao. 25 Lah mampitrosa ndrala ho ahy ty
ndatiko tsy mana eo aminao iriha, le lonike tsy hanahake ty mpampitrosan-drala amine iriha na mampisy anane
ty ndrala aze. 26 Laha mangalake ty fisikina ty namanao ho antoke iriha, le lonike hampolinao amine zane aloha ty
hitsofora ty masondro, 27 te zane avao ro fisarogna ho aze; zane ro fisikinane ho ahy ty vatane. Ino avao kea ro
afake handreane? Laha mikaike Ahike re, le hahare aze Raho, satria bey feregnay Raho. 28 Lonike iriha tsy
hirehake rate Ahike, Andragnahare, na hagnozo ty mpanapake ty vahoakenao. 29 Lonike tsy hitajake reo fagnatitse
bak'amy ty vokatse ty tanenao na reo fananignam-boaloboke iriha. Lonike homeinao Ahike ty voaloha-terake
amy reo ananao. 30 Vaho lonike hanao zane amy reo aombe naho aondrenao avao kea iriha. Te amy ty andro
fahafito le afake hitoboke miarake amy reo renene iareo, te amy ty andro faha valo le tokone homeinareo ahike.
31 ho ndaty voatoka ho Ahike nareo. Noho zane le tsy tokone hihina hena zay fa nilentalenta ty biby tegne am-
baibo nareo. Te kea, lonike hatoranareo ho ahy ty alika zane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 23

[1]Ko magnome tatitse diso na mikasikan'ia na mikasikan'ia. Ko miharo amy ty ndaty rate fagnahy soa ho
vavolombelo tsy to. [2]Ko magnarake ty maro hanao rate, na ko mete hitsanga vavolombelo laha magnarake ty
maro soa hamadike ty rarene. [3]Ko miangatse amy ty tsy mana agne amy ty fitsara aze.[4]Laha hisanao mitsily ty
aomby ty fahavalonao na ty borikine, hampolinao agne amine zane. [5]Laha hisanao lavo voatindry ty entane amy
ty tane ty boriky ty ndaty zay malay anao ko magnenga zane ndaty zane. Lonike hagnampe aze amy zane
borikine zane vantane iriha.[6]Ko mamalike ty rarine laha tokone ho ahy ndaty malahelo agne amy ty aly ty
malahelo zane. [7]Ko miharo amy ty fanaova fitana vande, vaho ko mamono ty tsy manan-tsikone na ty ndaty
marene, te tsy hagnamary ty raty fagnahy Raho. [8]Ko mandrambe kolikole, te ty kolikoly mahagoa reo zay
mahisake, vaho mamarotse ty tsara ty ndaty to. o mampijaly ty hafa firenena, satria hainao[9] ty fiaigna ty bahine,
te bahiny nareo tagne amy ty tane Egypta.[10]Hamafe voa amy ty tane vaho hamory ty vokatse bak'amine iriha
agnate ty enen-tao. [11]Te amy ty tao fahafito le haponao tsy hambole naho hajanonao eo zane, soa hahazahoa reo
tsy mana amy ty vahoakenao hitava. Ty sisa iareo, le hohane reo bibily. Hanao manahake zane amy reo tanem-
boalobokao naho reo tane ty olivanao iriha.[12]Agnate ty ene andro le hanao ty asanao iriha, te amy ty andro
fahafito le tsy maintse mitofa iriha. Ataovo zane soa hahazahoa ty aombinao naho ty borikinao mitofa, vaho soa
hahzahoa ty anandahy ty ampela andevonao naho ty bahine mitofa naho mangalake fiay. [13]Ambeno reo raraha
iaby zay voataliliko anao. Ko manogno agnara ty andragnahare hafa, na hapipoke ty agnara iareo ho heno
bak'amy ty vavanao.[14]Tsy maintse mandeha intelo san-tao iriha hanao andro firavoravoa ho ahike. [15]Ambenonao
ty andro Firavoravoa ho amy ty mofo tsy misy masirasira. Arake ty nandiliako anao, hitava mofo tsy misy
misarasira iriha agnate ty fito andro. Amy zane foto zane, hiboake eo agnatrehako iriha amy ty vola Abiba, ze
voatendre ho ahy zane tanjone zane. Tamy zane vola zane ro niboahanao bak'agne Egypta. Feie ko miboake eo
agnatrehako tagnam-polo iriha.[16]Ambenao ty nadro firavoravoa ty famokara, tamy ty tane nitongisanao voa
voalohane tamy ty tane. Ambenonao avao kea ty nadro firavoravoa ty fampiakaram-bokatse amy ty fara ty tao,
lafa mamory ty vokatsinao bak'amy ty tane iriha. [17]Reo lahinao iaby le tsy maintse miboake eo agnatreha ty
Tompo Yaveh intolo san-atao[18]Ko magnome lio bak'amy reo soro natao ho Ahike miarake amy ty mofo misy
lalivay iriha. Ko apoke hijano agnate ty halike hatramy ty maray ty sabora bak'amy reo soro tamy ty andro
firavoravoako. [19]Ty voaloham-bokatse voafily loatse bak'amy ty tanenao le tsy maintse aterinao ao agn'ajombako,
le ajombako Yaveh Andragnaharenao. Lonike tsy hahandro ty anak'aose amy ty rononon-drenene iriha.[20]Iraho
handeha hagnirake anjele eo alohanao soa hiara anao egne an-dala vaho soa hitoboke anao agne amy ty toera ze
nomagniko. [21]Mihenao aze vaho inao re. Ko mikaike aze, te tsy hapipoke reo faharatianao re. Ty agnarako ro ao
amine. [22]Laha magnina ty feone vatane iriha vaho manao ty raraha iaby ze taliliko aminao, le ho fahavalony reo
fahavalonao Raho vaho ho mpialy amy reo mpialy aminao.[23]Handeha eo alohanao ty anjeliko vaho handay anao
agne amy reo Amorita, Hetita, Perisita, Kananita, Hivita, vaho re Jebosita. Handrva aiereo Raho. [24]Ko miankohoke
amy ty andragnahare iareo, manompo aiereo, na manao zay hatao iareo iriha. Te kea, tsy maintse ravanao iaby
reo vaho torotoro reo tsangam-bato iareo. [25]Manompoa ahy Yaveh Andragnaharenao, le hitahy ty mofonao naho
ty ranonao Re. hafahako aminao ty arete.[26]Tsy hisy ampela tsy ho terake na ho afak'anake agne amy ty tanenao.
Homieko andro lava hiaignairiha. [27]Handefa ty tahotse ty tagnako amy reo ze tagne alehanao Raho. Hamono reo
ndaty iaby zay mifanojo aminao Raho. Hampianboho reo fahavalonao iaby amy ty tahotse Raho. [28]Handefa
fanenitse ho eo agnoloanao soa handroake reo Hevita, Kananita, vaho Hetita tsy ho eo alohanao Raho. [29]Tsy
handroake aiereo eo alohanao ampo ty tao raike Raho, sode ho rava ty tane, vaho ho maro loatse aminao reo
bibily.[30]Te kea, horoahiko kikelekele tsy ho eo agnoloanao reo mandra-piavy anao mamokatse le handova ty tane.
[31]hataoko hatragne amy ty ranomasy ty Filistina ty sisin-tanenao, vaho hatragne amy ty tane tsy raraha le
hatragny amy ty sihanake eofrata. Iraho hagnome anao fandresea amy ty vahoake ty tane. Horoahinao eo
agnatrehanao iareo. [32]Ko manao fagnina amy iareo na amy reo andragnaharene iriha. [33]Tsy mahazo mitoboke eo
amy ty tanenao iareo, laha tsy zane iareo le hampanao rate anao amiko. Laha manompo reo andragnahare iareo
iriha, le havalike ho fandrike ho anaovatane zane.'"

## Chapter 24

[1]Vaho Yaveh nitsara tamy ndre mosesy tihoe: "Miakara atoy amiko__iriha, Arona, Nadaba, Abiho naho fito-polo
amy ty loholo ty Israely, vaho manompoa ahike egne lavitse egne. [2]Mosesy arere ro afake miarinike Ahike. Lonike
tsy haranike reo hafa, vaho tsy mahazo miakatse miarake amine ty vahoake.[3]Nandeha re Mosesy vao nitalily
tamy reo vahoake reo tsara naho reo lily Yaveh iaby. Ty vahoake iaby namale aze tamy ty feo raike vaho nirehake
tihoe: "Hanoenay reo tsara iaby ze nitalily Yaveh." [4]Vaho Mosesy nandrambe an-tsoratse reo tsara Yaveh iaby. Vo
maray, Mosesy le nagnory alitara teo am-pototsy ty vohitse vaho nampiy tsangam-batao folo roe amby, reo vato le
soa hanehoa reo foko folo roe ambe ty Israely.[5]Nandefa pamaraky Israelita maromaro reke hagnomey ty
fagnatitse oroa vaho nanao soro fagnatitse oambe ho ahy Yaveh ho fiharoa amine. [6]Nala ndre Mosesy ty antsasa
ty lio le nataone tao ampo kovetabey zane; vaho ty antsasane kea nailine teo amy ty alitara.[7]Nalane ty boky ty
fagnekem-pilongoa vaho nivanakine mafe tamy reo vahoake. Nanao tihoe iareo: "Hataonay reo iaby ze nitalily
Yaveh. Ho mpangnina zahay." [8]Vahi nala ndre Mosesy ty lio le nifitsine teo amy ty vahoake. Nanao tihoe re: "Toy
ro lio ty fagnekem-pilongoa zay natao Yaveh taminareo amy ty fagnomeza zao fampagnategna miarake amy zao
tsara iaby zao."[9]Le niakatse ty vohitse re Mosesy, Arona, Nadaba, Abiho, vaho fito-polo tamy reo ndaty bey ty
Israely. [10]Nahisake ahy ty Andragnahare ty Israely iareo. Teo ambane tombone nisy rarevato vita bak'amy ty vato
safira, vaho nazava manahake ty lagnitse zane. [11]Andragnahare tsy nampitsanga tagna tamy ty siakine tamy reo
mpitarike ty Israelita. Nahisake ahy ty Andragnahare iareo, vaho nitava naho nino.[12]Nanao tihoe Yaveh Tamy
ndre Mosesy: "Miakara eto amiko eto amy ty vohitse le mitoboha eto.. Homeiko anao reo vato mpisake naho ty
lalàgna vaho reo lily zay fa nisoratako, soa hampianarinao aiereo." [13]Vaho Mosesy nandeha niarake tamy ndre
Josoa mpagnampine vaho niakatse tagne am-bohitse ty Andragnahare.[14]Nitsara tamy reo ndaty bey Mosesy tihoe:
"Mijanògna eto vaho mandignasa anay zisike ty himpolianay eto aminareo. Arona naho Hora le miarake
aminareo. Laha misy ndaty mana fifamalia, apoho re handeha agne amy iareo." [15]Le nandeha niakatse am-
bohitse re Mosesy, vaho ty hiboke nisaro zane.[16]Ty asy Yaveh nitoboke tamy ty vohitse Sinay, vaho nisaro zane
andro tsotra ty hiboke. Tamy ty andro fahafito le nikaike ahy ndre Mosesy bak'ao ampo hiboke Re. [17]Ty fahisaha
ty asy Yaveh le manahake ty afo mandrava ty ambone ty vohitse teo amaso ty Israelita. [18]Nizilike tao ampo ty
hiboke re Mosesy le niakatse tagne am-bohitse. Tegne am-bohitseagnate ty efa-polo andro naho efa-polo halike re.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 25

[1]Nanao tihoe tamy ndre Mosesy: [2]"Talilio reo Israelita soa hangalake fagnatitse ho Ahike bak'amy ty ndaty ze
namporisihy ty arofone. Vaho tsy maints rambesinareo ho Ahike reo fagnatitse reo.[3]Retoa iaby ty fagnatitse tsy
maintse rambesinareo bak'amy iareo: volamena, volafoty, vaho samba; [4]kofehy manga, volomparasy vaho mena;
rongonre fote malinike, volo ty aose, [5]angozy ty aondre lahy miloko mena naho angozy ty lambon-driake hetea
akasia; [6]menake ho ahy ty fanaovan-jiro masy;zaka-magnitse ho ahy ty menake fagnosora vaho litin-ketea
magnim-pofo; [7]vato beryla naho vato lafovily hafa soa hatao amy ty efoda naho amy ty saro ty aragna[8]Lonike
iareo hagnamboatse fitora masy ho Ahike hahazahoako miay eo amy iareo. [9]Tsy maintse ataoanareo arake ze ho
asehoako anareo ao amy ty drafitse ty tabenakely naho reo fitaova iaby.[10]Ampamboaro tombily vita amy ty hetea
akasia iareo. Tsy maintse roe metatse naho tapane ty halavane; metase naho tapane ty habeine; vaho metatse
raike naho tapane ty hahambone. [11]Tsy maintse sarognanareo amy ty volamena soa ty ao ampone naho ty
ambalikine, vaho asio sisim-bolamena magnodidy ty ambone.[12]Manafe mason-dravake volamena efatse hatao
amy zane, vaho apetaho amy reo tombone efatse ty tombily, mason-dravake roe amy ty ilane, vaho mason-
dravake amy ty ilane raike hafa. [13]Manaova bao vita amy ty hetea akasia vaho sarone volamena zane. [14]Ampidiro
eo amy reo mason-dravake eo amy ty sisy ty tombily reo bao, soa hitaranjoa iaze tombile.[15]Reo bao le tsy maintse
apoke eo amy ty mason-dravaky ty tombily; tsy azo afaha eo amy zane reo. [16]apoho ao amy iaze tombily reo lily ty
fagneke ze homeiko anareo. [17]Manaova sarom-pagnavota vita amy ty volamena malio. Roe metatse naho tapane
ty halavane, vaho metatse raike naho tapane ty habeine. [18]Manaova kerobima volamena voatefy roe ho eo amy ty
habeine iaze saom-pagnavota.[19]Manaova kerobima raike ho eo amy ty habey iaze sarompagnavota, vaho
kerobima raike hafa ho ahy ty sakane raike hafa. Ataovo raike amy iaze sarom-pagnavota reo. [20]Reo kerobima le
tsy maintse mamelatse ty elatsy iareo miakatse le magnaloke ty sarom-pagnavota amy reo. Tsy maintse
mifagnatrike reo kerobima vaho magnete mandeha agne ampagnivoa iaze sarom-pagnavota. [21]Ataovo eo farane
ambone iaze tombily ty sarom-pagnavota vaho apohoeo iaze tombily reo lalàgna ty fagnekea ze omeiko anao.[22]Ao
amy iaze tombily ro hihoagnako aminao. Eo ambone iaze sarom-pagnavota ro toera hirehafako aminao. Eo
agnelagnela reo kerobima roe eo ambone ty tombily ty vavolombelo ro hirehafako aminao mikasike reo lily iaby
ze homeiko anao ho ahy reo Israelita.[23]Manova latabatse vita amy ty hetea akasia. Roe metase ty halavane; raike
metatse ty habeine, vaho metatse raeke naho tapane ty hahabone. [24]Sarogno volamena malio zane vaho lobofo
volamena ty magnodidy ty farane ambone.[25]Manaova rafitse raeke volivoam-pelatagna magnodidy zane, vaho
asio sisim-bolamena ty rafitse magnodide. [26]Magnamboara masondrvake volamena efatse ho ahy zane vaho
arohizo eo amy ty zorone efatse, ze misy ty tombone efatse. [27]Tsy maintse arohy amy iaze rafitse reo mason-
dravake soa hagnomeza toera ho ahy reo bao, soa hitaranjoa iaze latabatse[28]Ataovo amy ty hetea akasia reo bao
vaho sarogno amy ty volamena zane soa hahazahoa mitaranjo iaze latabatse miarake amy reo. [29]Ataovo reo figa,
sotro, fitoeran-divay, vaho figa boribory soa ho ampiasay hampizotsoa reo zaka finome fagnatitse. Ataovo amy ty
volamena malio zane. [30]Asio mofo ty fagnatreha zisikam-parane eo agnoloako eo amy ty latabatse.[31]Magnamboara
fitoeran-jiro vita amy ty volamena voatefy naho tsy mifangaro. Asio ty fototse naho tahone iaze fitobohan-jiro.
Atoavo mitambatse ho raike reo kapoakine, vaho vatone, vaho reo folerane. [32]Tsy maintse misy jebane ene
miboake bak'amy ty agnilane iaby__tsy maintse misy jebane telo mimboake bak'amy ty agnilane raike, vaho
jebane telo amy iaze fitobohan-jiro miboake bak'amy ty agnilane raike hafa[33]Ty jebane voalohane le tsy maintse
mana kapoake telo natao manahake ty amandy mamolera, miarake amy ty kibory naho folera, vaho kapoake telo
natao manahake ty amandy mamolera amy ty jebane raike hafa, miarake amy ty vato naho folera. Tsy maintse ty
jebane ene iaby miboake amy iaze fanaovan-jiro. [34]Amy iaze fanaovan-jiro, eo ampagnivoa ty tahone, le tsy
maintse misy kapoake efatse natao manahake ty amandy mamela, miarake amy reo kibory naho folera.[35]Tsy
maintse misy vato raike eo ambany ty jebane roe voalohane__aharo ho raike amy zane, vaho kibore raike eo
ambane reo jebane roe faharoe__naharo o raike amy zane avao kea. Mitovy amy zane le tsy maintse misy vato
raeke eo ambany ty jebane roe fahatelo, naharo ho raike amy zane. Tokone hitovy reo jembane ene iaby miboake
amy ty fanaovan-jiro. [36]Ty vato naho jebane iareo le tsy maintse miharo ho raeke amy zane, nitefe tamy ty
volamena malio.[37]Tsy maintse manao iaze fanaovan-jiro naho reo jiro fito ao amine nareo, le hapipoke reo jiro
amy reo soa hagnome hazava bak'amy zane.[38]Vaho ty fanampahan-jiro naho reo fitoboha ty lavenoke reo le tsy
maintse atao amy ty volamena malio. [39]Mampiasà volamena malio talenta raike soa hagnamboara iaze fanaovan-
jiro naho reo fitaovane. [40]Tandrefeo soa ho atao arake ty endreke zay hampisehoa anao agne am-bohitse zane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 26

[1]Lonike hataonao amy ty lamba folo vita amy ty rongone foty malinike naho manga, volomprasy, vaho
volon'aondre jaky miarake amy reo soratse ty kerobima ty tabernakele. Zane le ho asa ty mpanao asa tagna
vatana mahay. [2]Ty halava ty lamba kiraikiraike le tsy maintse folo roe amby metatse, ty habeine efatse metatse.
Ty lamba iaby le tsy maintse mitovy habey. [3]Tsy maintse zaire ty lamba dime, vaho ty lamba dime hafa avao kea
le tsy maintse zaire.[4]Magnamboara kofehy bole magnorike ty sisine ambaliky ty rambo ty lamba nizinaitse raike.
Manahake zane kea, ro tsy maintse agnamboaranao mitovy magnarake ty sisine ambaliky ty mror ty lamba amy t
zaitse faharoe. [5]LOnike hamboatse talivavarana dimampolo eo amy ty lamba voalohane iriha, vaho manaova
talivavarana dimampolo eo amy ty moro ty lamba amy ty zaitse faharoe. Ataovo zane soa hifagnatirke reo
talivavarana. [6]Magnamboara farango volamena dimampolo iriha vaho aharo reo lamba miarake amy reo soa ho
lasa raeke ty tabernakely.[7]lonike hamboatse volo ty aose ho lay magnera ty tabernakele iriha. Magnamboara folo
raeke ambe reo lamaba reo iriha. [8]Ty halava ty lamba kiraikiraike le tsy maintse telopolo metatse, vaho ty habey
ty lamba kiraikiraike le tsy maintse efatse metatse. Ty kiraikiraike amy reo lamba folo raike ambe le tsy maintse
mitove habey. [9]Mampifarangaroa lamba dime naho lamba ene hafa miarake. Aforetonao ty lamba ene magnoloa
ty lay[10]Magnamboara talivavarana dimampolo eo amy ty fara ty lamba amy ty zaitse raeke, vaho talivavarana
dimampolo eo amy ty sisy ty fara ty lamba zay miharo amy ty zaitse faharoe. [11]Magnamboara farango samba
dimampolo iriha vaho aponao ampo ty talivavarana reo. Le ampiharo ty lay miarake iriha soa ho raike avao
zane.[12]Ty amby ty antsasa ty lamba, zane hoe, ty amby ty ampahane mihoatse amy reo lamba ty lay, le tsy maintse
ahanto ao an-damboasy ty tabernakele. [13]Tsy maintse misy metase raike amy ty lamba eo amy ty agnilane, vaho
metatse raeke amy ty lamba eo amy ty agnilane__ze ambe ty halava ty lay ty lamba le tsy maintse ahanto amy reo
lafy ty tabernakele my ty agnilane naho amy ty ankilane, soa hanaro zane. [14]Magnamboara fanarogna vita amy ty
angozy ty aondrelahy nilokoa mena ho ahy ty tabernakele, vaho fanarogna raike hafa vita amy ty angozy soa
mba ho eo ambone zane.[15]Magnamboara ana-ketae mahity amy ty hetae akasia ho ahy ty tabernakele. [16]Ty halava
ty ana-ketae kiraikiraike le tsy maintse folo metatse, vaho ty habey zane le tsy maintse raeke naho sasane
metatse. [17]Tsy maintse misy fihantogna hetae roe amy ty ana-ketae kiraikiraike hampiharoa reo ana-ketae.
Hamboatse reo ana-ketae ty tabernakele iaby manahake zane iriha. [18]Lafa mamboatse reo ana-ketae ho ahy ty
tabernakele iriha, le manaova ana-ketae roapolo ho ahy ty lafine atimo.[19]Magnamboara fadiane volafote efapolo
ao ambany reo ana-ketae roapolo iriha. Tsy maintse misy fandiane roe ambane ty ana-ketae voalohane soa ho
fadiane roazane, vaho fadiane roe avao kea ambe ty reo ana-ketae hafa kiraikiraike iaby ho fadia roe reo. [20]Ho
ahy ty lafine faharoe ty tabernakele, ao amy ty lafine avaratse, magnamboara ana-ketae roapolo [21]naho ty fadia
volafoty reo efapolo iriha. Tsy maintse misy fadiane roe amby ty ana-ketae voalohane,fadiane roe ambane ty ana-
ketae magnarake, vaho le manahake zane avao.[22]Ho ahy ty lafine ambalike ty tabernakele ao amy ty lafine
andrefa, magnamboara ana-ketae ene iriha. [23]Magnamboara ana-ketae roe hoa hy ty zoro an-dabosy ty
tabernakele. [24]Reo ana-ketae reo le tsy maintse sarahy agne amy ty ambane, te aharo agne amy ty farane ambone
eo amy ty mason-dravake raeke avao. Tsy maintse manahake zane ho ahy reo zoro roe ao an-dabosy. [25]Tsy
maintse misy ana-ketae valo, miarake amy reo fadiane volafoty. Tsy maintse misy fototse ene amby ty folo ty
fitambarane, faladiane roe ambane ty ana-ketae voalohane, fadiane roe ambane ty ana-ketae magnarake, vaho
manahake zane avao.[26]Magnamboara bara hetae Akasia iriha__dimy ho ahy tro ana-ketae amy ty agnilane ty
tabernakele, [27]bara dimy ho ahy reo ana-ketae amy ty agnilane ty tabernakele, vaho bara dimy ho ahy reo ana-
ketae amy ty lafine an-dabosy ty tabernakele eo andrefa. [28]Ty bara eo ampagnivoa reo ana-ketae, ze,
ampagnivoane ambone, le tsy maintse mahatratse ty farane iaby.[29]Sarognanao amy ty volamena reo ana-ketae.
Amboarenao ho volamena ty mason-dravake reo, soa hampiasa ho fitajaha ty bara reo, vaho sarognanao amy ty
volamena reo bara. [30]Mampitsangana ty tabernakele amy ty fanarahana ty drafitse naseho anao tegne am-
bohitse.[31]Magnamboara lamba, volomparasy, vaho volo ty aondre jake, naho rongone fote malinike,miarake amy
ty soratse Kerobima, asa ty mpiasa vatane mahay. [32]Ahantogno eo amy reo fiankina hetae akasia efatse voasaro
volamena zane. Reo fiankina reo le tsy maintse mana fihantogna volamena voapetake eo amy reo fadiane
volafote efatse. [33]Ahantogno ambane ty farango ty lamba, vaho ampizilohonao ao ty tobily ty vavolombelo. Ty
lamba le natao hagnasarake ty toera masy amy ty toera masy loatse.[34]Aponao eo amy ty tobily ty vavolombelo ty
sarom-pagnavota, zay ao amy ty toera masy loatse. [35]Aponao ambalike ty lamba ty latabatse. Aponao tandrify ty
latabatse eo amy ty lafine atimo ty tabernakel ty fanaovan-jiro. Ty latabatse le tsy maintse ao amy ty lafine
avaratse.[36]Magnamboara fefe lamba ho fiziliha amy ty lay iriha. Amboarenao amy ty bole, volomparasy, naho
mena vaho rongone foty malinike voarare zane, ze asa ty mpamboatse peta-kofehe. [37]Ho ahy ty fefe lamba,


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

magnamboara fiankina akasia dimy vaho manarogna reo amy ty volamena. Ty farango reo le tsy maintse volamena, mandrendreha faladiane samba dime ho ahy reo iriha.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 27

[1]Amboaro amy ty hetea akasia ty alitara, dimy metase ty halavane vaho dimy metatse ty habeine. Ho efatse ty
zorone ty alitara vaho telo metatse ty haabone. [2]Asio tsifa maragnitse manahake ty tsifa ty aombe ty zorone
efatse. Haharo ho raike amy ty alitara reo tsifa, vaho petaho takela-samba reo.[3]Magnamboara fitaova ho ahy ty
alitara: le valagnin-davenoke, vaho kea fandraofa, koveta bey, sotro tatake, vaho valagne fandesa afo. Samba iaby
ro hagnamboaranao reo fitaova iaby reo. [4]Magnamboara makarakara ho ahy ty alitara, harato samba.
Magnamboara mason-dravake samba ho ahy reo zoro efatse ty makarakara.[5]Ataovo eo ambany ty sisy y alitara ty
makarakara, bak'eo ampagnivoane zisike agne ambane. [6]Magnamboara bao ho ahy ty alitara, bao vita amy ty
hetae akasia, vaho sarogno amy ty samba reo.[7]Tsy maintse atao ampo mason-dravake ty bao, vaho ty bao le ho eo
amy ty lafine roe amy ty alitara, soa hitaranjoa aze. [8]Amboaro poakate ty alitara, amy ty hetae mpisake. Amboaro
arake ze naseho anao tao am-bohitse zane.[9]Magnamboara kianja ho ahy ty tabernakele. Eo amy ty lafine atimo ty
kianja le hisy fefe lamba, fefe lamba rongone fote malinike voarare mimetatse zato metatse. [10]Asio fiankina
roapolo reo fefe lamba, miarake amy ty fadia samba roapolo. Hisy farango avao kea apetake eo amy reo anadre,
vaho kea fihantogna volafote.[11]Hanahake zane kea amy ty lafine avaratse, hisy fefe lamba mirefe zato metatse
misy fiankina roapolo, vaho fihantogna volafote. [12]Amy ty lafine andrefa amy ty kianja le hisy lamba mimetatse
dimampolo metatse ty halavane. Le mamboara fiankina folo, vaho faladia folo. [13]Amboaro dimam-polo metatse
avao kea ty halava ty kianja agne amy ty ilane atignana.[14]Ty fefe lamba amy ty lafine raike amy ty fiziliha le tsy
maintse atao folo dimy amby metatse ty halavane. Tsy maintse miarake amy ty fiankina telo naho fadia telo reo.
[15]Eo amy ty lafine raeke kea le hisy fefe lamba mimetatse folo dimy ambe metatse ty halavane. Tsy maintse
miarake amy reo fiankinane telo naho fadiane telo reo. [16]Lamba mimetatse roapolo metatse ro atao vavahady ty
kianja. Fitaova bole, volomparasy, vaho mena naho rongone fote malinike vita rare, asa ty mpamboatse peta-
kofehe ro hagnambora ty lamba. Tsy maintse miarake amy ty fiankina efatse naho faladia efatse zane.[17]Ty
fiankina ty kianja iaby le tsy maintse hasia fihantogna volafoty farango volafote, vaho fadia samba. [18]Ho zato
metatse ty halava ty kianja, dimam-polo metatse ty haibene, vaho ho dime metatse kea ty haabone miarake amy
ty fefe lamba rongone fote malinike, vaho fadia samba. [19]Ty fitaova iaby ze ampiasa ao amy ty tabernakele, naho
ty fihatognan-day iaby amy ty tabernakele naho ty kianja le tsy maintse atao amy ty samba.[20]Lonike iriha handily
ty vahoake ty Israely soa handay menake oliva, malio naho nofihazy, ho ahy ty jiro soa hireheta reo zisikam-
parane. [21]Ao an-jomba lay fihaogna, eo ambaliky ty lamaba zay magnoloa ty tabernakele ze msy ty tobily ty
vavolombelo, ro hameloma ndre Arona naho reo anandahine jiro eo agnatreha Yaveh, Manomboke ty hariva
zisike maray. Zane fepetse zane le ho lalàgna maharitse magnera ty taranake ty vahoake ty Israely.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 28

[1]Kaiho ho eo aminao re Arona rahalahinao naho reo anane__le re Nadaba, Abiho, Eleazara, vaho Itamara__hiala
ro amy reo Israelita soa hahzahoa iareo manompo Ahike ho mpisoro. [2]Tsy maintse magnamboatse akanjo
voatoaka ho Ahike, ho ahy ndre Arona rahalahinao iriha. Ho hasine naho ho famirapirata ho aiereo akanjo reo.
[3]Tsy maintse mirehake amy reo ndaty zay hendre agnarofone, le reo zay nofenoiko ty Fanahy ty fahendre iriha,
soa hahazahoa iareo magnamboatse ty akanjo ndre Arona hanokana aze hanompo Ahike ho mpisoroko.[4]Ty
akanjo zay tsy maintse amboare iareo le saron-tratra, efoda, akanjo lava, akanjo tenom-boaroy, hamama, vaho
setira. Tsy maintse magnamboatse reo akanjo zay hanokana aze ho Ahike iareo. Amboare ho ahy ndre Arona
rahalahinao naho reo anane zane soa hanompoane Ahike ho mpisoro. [5]Tsy maintse mampiasa rongone fote
malinike ze volamena bole, volomparasy, vaho jaky mena reo mpanao raraha.[6]Lonike iareo hagnamboatse ty
efoda amy ty volamena, bole, volomparasy vaho volo ty aondre jake, vaho rongone fote malinike vita rare. Tsy
maintse asa ty mpamboatse asa-zaka za-draraha zane. [7]Lonike hisy saron-tsoroke roe mipitike eo amy reo sisine
ambone. [8]ty setira tenona malinike le tsy maintse hatao manahake iaz efoda; tsy maintse amboare amy ty ilan-
damba bak'amy iaze efoda, vita amy ty rongonw fotte malinike ze volamena, bole, volomparasy vaho jake mena
zane. [9]Lonike hangalake vato beryla roe iriha le hametake ty agnara reo ana ty Israely folo roe ambe lahy eo amy
zane.[10]Ty ene amy ty agnara iareo le tsy maintse hamboare eo amy ty vato raeke, vaho ene hafa kea le eo amy ty
vato raeke hafa, sambe arake ty filahtse ty nahaterahane iaby. [11]Amy ty asa ty mpisokitse vato, manahake ty sari-
sokitse amy ty tombokase, ro tsy maintse hametahanao ty agnara reo anak'Israely folo roe ambe lahy eo amy reo
vato roe. Lonike haharonao amy ty talim-bolamena reo vato reo. [12]Lonike hamboarenao eo amy reo saron-tsoroke
efoda reo vato anankiroe, soa ho vato fampatiarova ahy Yaveh ty amy reo anak'Israely. Arona ro handay ty
agnara iareo eo an-tsorone eo agnatreha Yaveh ho fampahatiarova aze.[13]Magnamboara fitoera vita amy ty
volamena [14]naho rojo volamena tsy mifangaro roe tinaly manahake ty tale, vaho arohizo eo amy reo fitoera reo
ravake.[15]Magnamboara saron-tratra ho ahy ty fanapahan-kevetse, asa ty mpiasa mahay raraha, namboare
manahake ty efoda. Amboare amy ty volamena, bole, volomparasy vaho volo ty aondre jake, naho amy ty
rongone fote malinike zane. [16]Tokone ho efa-joro zane. Haforeto roe reo saron-tratra. Tokone ho zehe raeke ty
halavane vaho zehe raeke ty velarane.[17]Asio fizarane vatasoa lafovily efatse eo amy zane. Ty fizarane voalohane
le tsy maintse misy karnelia, topazy, vaho emeralda mena. [18]Ty fizarane faharoe kea le tsy maintse misy
emeralda, safira, vaho diamondra. [19]Ty fizara fahatelo le tsy maintse asia opla, agata, vaho ametysta. [20]Ty fizara
fahaefatse le tsy maintse miy beryla, naho Krysolita vaho jaspy. Tsy maintse hampifanongoa amy ty talim-
bolamena zane.[21]Halaharo arake ty agnara reo anak'Israely folo roe ambe lahy, sambe arake ty agnarane iaby reo
vato. Tokone hanahake ty sari-sokitse eo amy ty peratse fitomboke reo, vaho ty agnarane kiraikiraikeiaby le
mitalily ty raeke amy reo foko folo roe ambe. [22]Asio ravake volamena malio vita tale manahake ty tale, eo amy ty
saro-tratra. [23]Magnamboara mason-dravake volamena roe ho ahy ty saron-tratra anankiroe reo. [24]Apetaho eo amy
ty zoro ty saron-tratra roe reo ravam-bolamena roe.[25]hapetaho eo amy reo fametraham-bato roe ty fory ravake
vita tale. Bak'eo apetaho eo amy reo saron-tsoroke ty efoda eo alohane zane. [26]Magnamboara mason-dravake
volamena roe, vaho apetaho eo amy ty zoro ty saron-tratra roe hafa zane, eo amy ty sisine agnila ty zorone
ampone.[27]Magnamboara mason-dravake volamena roe hafa iriha, hapetaho eo amy ty farane ambane reo saron-
tsoroke roe eo aloha ty efoda, marinike ty zaitse fiharoa eo ambone ty setira vita rare ty efoda zane. [28]Arohizo eo
amy ty mason-dravake ty efoda, amy ty alala ty kofehe bole ty saron-tratra, soa hipitiha zane eo ambone ty setira
vita rare ty efoda. Natao zane soa tsy hiombotse amy ty efoda ty saron-tratra.[29]Lafa mandeha ao amy ty fitoera
masy re Arona, le tsy maintse manday ty agnara reo vahoake ty Israely eo amy ty arofone ao amy tysaron-tratra
fanapahan-kevetse, soa ho fahatiarova maharitse eo agnatreha ndre Yaveh. [30]Lonike aponao ao amy ty saron-
tratra fanapahan-kevitse ty Orima naho ty Tomima, soa ho eo amy ty arofondre Arona zane lafa mizilike eo
agnatreha Yaveh re. Amy zane re Arona le handay ty fomba andesy manapan-kevitse ho ahy ty vahoak'Israely eo
agn'arofone zisikam-parane eo agnatreha Yaveh.[31]Amboaro amy ty lamba volomparasy iaby ty akanjo lava ndre
efoda. Tsy maintse misy fitsofoha ty loha eo ampagnivoa zane. [32]Lonike hisy olonevita rare magnodidy ty vozo
zane soa tsy hotatake. Tsy mnaintse anjara ty mpanenona zane asa zane.[33]Eo amy ty sisin-tombone, le lonike
asianao sarin'apongabei-dagnitse bole. volomparasy, vaho jaky mena magnodide aze. Reo lakolosy ty
Andragnahare le tsy maintse mielaela magnodidy zane. [34]Tsy maintse misy lakolosy volamena le apongabein-
dagnitse, lakolosy volamena le apongambein-dagnitse__ vaho manahake zan avao__magnodidy ty sisin-tombo ty
akanjo lava. [35]Tokone hagnamboara ndre Arona iaze akanjo lava lafa manompo re, soa ho heno ty feo zane lafa
mizlike ao amy ty fitora masy eo agnatreha Yaveh naho miboake re. Natao zane soa tsy ho vilasy re.
[36]Magnamboara takela-bolamena tsy mifangaro le hagnisy soratse eo amy zane, manahake ty sorate eo amy ty


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

tombokase tihoe: "Masy ho ahy Yaveh." [37]Apetaho amy ty kofehe bole eo agnoloa ty hamama io takela-bolamena
io. [38]Lonike ho eo amy ty ambone ty handre ndre Arona zane; tsy maintse manday ze fahameloha iaby mete
hiarake amy ty fagnatitse ty fagnomeza masy ze hatoka ty Israelita ho ahy Yaveh avao re. Lonike ho eo amy ty
ambone ty handrine zisikam-parane ty hamama soa hagneke Yaveh ty fagnatits'iareo.[39]Magnamboara akanjo vita
amy ty rongone fote malinike iriha, vaho magnamboara hamama vita amy ty rongone fote malinike. Lonike avao
kea iriha hanao setira, ze anjara asa ty mpanao peta-kofehy.[40]Ho ahy reo ana ndre arona kea le tsy maintse
magnamboatse fisikina, setira, vaho fehiloha iriha ho hasy naho famirapirata iareo. [41]lonike ampisikininao re
Arona rahalahinao miarake amy reo anane. Tsy maintse sorogna aiereo, magnamasy aiaereo, vaho manoka
aiereo ho Ahike iriha, soa hiasa iareo Ahike ho mpisoro.[42]Magnamboara atin'akanjo vita amy ty rongone ho
aiereo soa hanarogna ty nofotsy tsy misik'iareo, vaho hanarogna aiereo manomboke bak'eo amy ty valaha le
hatreo amy ty fey. [43]Tsy maintse manao reo akanjo reo re Arona naho reo anane lafa mizilike ao amy ty ajomba
lay fihaogna na lafa mamonje ty alitara soa hanompo ao amy ty fitoera masy. Tsy maintse manao zane iareo soa
tsy ho meloke, laha tsy zane iareo le ho vilasy. Lalàgna maharitse ho ahy ndre Arona naho reo foko misolo aze
zane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 29

[1]Vaho zao ro tsy maintse amboarinareo hanokananareo aiereo ho ahike soa hiasa iareo Ahike ho mpisoro.
Mangalà vantats'aombelahy naho aondrelahy roe tsy misy handra, [2]mofo tsy misy lalivay vaho mofo mamy tsy
misy lalivay nasia menake. Mangalà avao kea mofo matify tsy lalivay voahoso-menake. Magnamboara mofo
matify amy ty fampiasa ty lafariny varem-bazaha.[3]Ataovo ampo haro raeke reo, andeso ampo ty haro reo, vaho
omeo miarake amy iaze vantots'aombelahy naho reo aondrelahy roe. [4]Tsy maintse manday ahy ndre Arona naho
reo anane eo amy ty fiziliha amy ty lay fihaogna nareo. Tsy maintse mampisasa ahy ndre Arona naho reo anane
amy ty rano nareo.[5]Tsy maintse manggnafake reo akanjo vaho mampisiki ahy ndre Arona amy ty akanjo lava,
akanjo misy efoda, ty efoda, vaho saro-tratra nareo, mamitike ty setira vita amy ty tenona-matify efoda
magnodidy aze. [6]Tsy maintse mametrake ty sabakane amy ty ambonine vaho mametrake ty sabaka ty hasy masy
eo ambone iaze satroke. [7]Bak'eo le mangala ty menake fagnosoro vaho ailigno eo amy ty lohane, zane ro fomba
hagnosora aze.[8]Nareo le tsy maintse manday reo anane vaho mampiakanjo lava aiereo. [9]Tsy maintse
mampiakanjo ahy ndre Arona naho reo anane amy ty saron-tratra vaho mametrake fehiloha amy iareo nareo. Ho
aiereo amy ty alala ty lalàgna zisikam-parane ty asa fisorogna. Amy zane foma zane le tsy maintse hanoka ahy
ndre Arona naho reo anane soa hiasa Ahike nareo.[10]Tsy maintse ty vantots'aombelahy eo agnatreha ty lay
fihaogna nareo iaby, vaho reo Arona naho reo anane le tsy maintse mampimpoke ty tagna iareo amy ty lohane
zane. [11]Tsy maintse mamono ty vantots'aombelahy eo agnatreha Yaveh eo amy ty fiziliha amy ty lay fihaogna
nareo.[12]Tsy maintse mangalake sasane amy ty lio ty vantotsa'aombelahy nareo vaho mampimpoke zane amy ty
rambon-tagnanareo amy reo tsifa ty alitara, vaho tsy maintse mamgnily ty amby ty lio eo amy ty foto ty alitara.
[13]Tsy maintse afahanareo ty sabora iaby zay misaro ty ao ampone, afaho avao ke aty sabora ze misaro ty aty naho
reo voa roe; oro eo amy ty alitara zane iaby zane. [14]Te ty nofo ty vantats'aombeahy kea, ty angozine naho ty tain-
drorohane, le tsy maintse oroanareo agne ambaliky ty kianja. Ho soro noho ty haratia zane.[15]Tsy maintse
mangalake ty aondre lahy avao kea nareo, vaho re Arona naho reo anane le tsy maintse mampipoke ty tagna
iareo eo amy ty loha zane. [16]Tsy maintse vonoanareo ty aondre lahy, vaho mangala ty lione naho mamitsiky zane
amy ty sisy ty alitara iaby. [17]Tsy maintse tetehinarei iaze aondrelahy vaho sasanareo ty ampone naho ty tombone,
vaho tsy maintse aponareo, miarake amy reo fa vita tetike naho ty lohane, eo amy ty alitarane tao ampone.
[18]Bak'eo oro iaby iaze aondre. Ho fagnatitse oroa ho ahy Yaveh zane, hagnitse soasoa, fagnatitse namboare tamy
ty afo ho ahy Yaveh.[19]Tsy maintse mangalake iaze aondrelahy hafa nareo bak'eo, vaho Arona naho reo anane le
tsy maintse mametrke ty tagna iareo eo amy ty ty loha zane. [20]Vaho tsy maintse mamono iaze aondrelahy naho
mangalake ilane amy ty lione nareo. Ataovo eo amy ty tendro ty ravim-bia ankana ndre Arona zane, vaho eo amy
ty tendro ty ravim-bia ankavana reo anane, eo amy ty tondrobey ty tagna ankavana iareo, naho eo amy ty
tondrobein-tomboke ankavana iareo. Bak'eo le tsy maintse mamitsike ty lio amy ty sisy ty alitara iaby nareo.[21]Tsy
maintse mangalake ilane amy ty lio ze eo amy ty alitara naho ilane amy ty menake fagnosora nareo, vaho
mamitike zane iaby zane amy ndre Arona naho ty akanjone, amy reo anane naho ty akanjo iareo avao kea. Le
voatoka ho Ahike re Arona, miarake amy reo fisikinane, reo anane naho reo fisikina iareo.[22]Tsy maintse
afahanareo ty sabora iaze aondrelahy, ty sabora ty solone, ty sabora ze misaro ty ao ampone, ty sabora ty aty, reo
voa roe naho ty sabora zane, vaho ty fey ankavana-safe io aondrelahy io le ho ahy ty mpisoro ze nihamasine ho
Ahike. [23]Mandrambesa mofo raeke, mofo raeke misy menake, vaho mafo matify raeke ao amy ty haro zay misy
reo mofo tsy misy lalivay ze eo agnatreha Yaveh.[24]Tsy maintse aponareo eo amy ty tagna ndre Arona naho ty
tagna reo anane zane vaho ataovi mihelahela eto agnatrehako reo soa ho fagnatitse ahelahela eo agnatreha
Yaveh. [25]Tsy maintse mangalake ty mahatanjake bak'eo amy ty tagna iareo nareo bak'eo magnoro zane miarake
amy ty fagnatitse oroa eo amy ty alitara. Hampimboake hagnitse soasoa zane; ho fagnatitse namboare tamy ty afo
ho Ahike zane.[26]Tsy maintse mangalake ty tratra ty aondrelahy fanokana ahy ndre nareo vaho magnelahela zane
ho fagnatitse ahelahela eo agnatreha Yaveh, le ho anjaranareo zane. [27]Tsy maintse atokanareo ho Ahike ty tratra
ty fagnatitse ze ahelahela, vaho ty fey ze anjara reo mpisoro__ty tratra ze nahelahela naho ty fey ze anjara ndre
Arona naho reo anane. [28]Ho lily zisikam-parane ho ahy ndre Arona naho reo anane zane. Ho fandrambesa anjara
reo ndaty ty Israely ty magnomey ay ty fagnati-pilongoa ho ahy Yaveh.[29]Reo fisikina masy ndre Arona le tsy
maintse voatoka ho ahy reo anane misolo aze. Iareo le ho voahosotse ao amy iareo vaho voatoka ho Ahike ao
amy iareo. [30]Ty mpisoro ze misolo aze eo amy reo anane, ze avy ao amy ty lay fihaogna soa hanompo Ahike ao
amy ty toera masy, le tokone hanao reo fisikina reo agnate ty fito andro.[31]Tsy maintse mangalake ty aondrelahy
ho ahy ty fampipoha ty mpisoro ho Ahike naho mahandro ty hena zane ao amy ty toera masy nareo. [32]Arona
naho reo anane le tsy maintse mitava ty hena ty aondrelahy naho ty mofo ze tao ampo ty haro teo amy ty fiziliha
mandreha ao amy ty lay fihaogna. [33]Iareo le tsy maintsemitava ty hena naho ty mofo ze nomey soa hagnavaha


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

aiereo naho hanokana aiareo, soa ho voatoka ho Ahike. Tsy misy ndaty hafa takone hitava ty mahatajake, satria
iareo le tsy maintse manao zane manahake ty tihoe nihamasine ho Ahike, natoka ho Ahike. [34]Laha misy ambine
amy ty maray reo hena ty fagnatitse fanokana, na ze mofo iaby, le tsy maintse oroanareozane. Tsy azo hohane
sase zane safe fa natoka ho Ahike.[35]Amy zane fomba zane, amy ty alala ty fagnaraha zay iaby nadiliako ho
anoenareo, ro tsy maintse handesanareo ahy ndre Arona naho reo anane. Agnate ty fito andro reo ro tsy maintse
homaninareo. [36]San'andro nareo le tsy maintse magnome aombelahy ho fagnatitse noho ty haratianareo soa ho
fagnavota. Tsy maintse magnalio ty alitara amy ty alala ty fanaova fagnavota eo amy zane nareo, vaho nareo le
tsy maintse magnosotse zane soa hanokana zane ho Ahike. [37]Agnate ty fito andro le tsy maintse manao fagnavota
eo amy ty alitara naho manokka zane ho ahy Yaveh nareo. Le ho voatoka iaby ho Ahike ty alitara. Ze iaby
mikasike ty alitara le ho voatoka ho ahy Yaveh.[38]Tsy maintse homeinareo eo amy ty alitara san'andro tsy tapake ty
anak'aondre herentao ro. [39]Ty anak'aondre raike le tsy maintse omea amy ty maray, vaho ty anak'aondre raeke
hafa le tsy maintse amea eo ho eo amy ty fitsofora ty masoandro.[40]Amy iaze anak'aondre voalohane, le
magnomeza koba matify impolo ty efeha nafangaro tamy ty menake ampahefatsy ty hina bak'amy yy oliva
nifihazy, vaho divay ampahefatsy ty hina soa ho zaka-finome fagnatitse.[41]Tsy maintse magnome ty anak'aondre
fahaore nareo eo ho eo amy ty fiboaha ty masoandro. Nareo le tsy maintse magnomey fagnatitse hotavae
manahake tamy ty maray, naho zaka-finome fagnatitse. Himboake hagnitse soasoa ho Ahike reo; ho fagnatitse
natao tamy ty afo ho Ahike zane. [42]Tsy maintse fagnatitse oroa tsy tapake amy ty fokonareo reo, eo amy ty fiziliha
ao amy ty lay fihaogna eo agnatreha Yaveh, ze hihaognako aminao naho hirehafako aminao.[43]Agne ro hihaognako
amy reo Israelita, ty lay le ho atoka ho Ahike amy ty alala ty hasiko. [44]Hanoka ty lay fihaogna naho ty alitara ho
ahy reo ze Ahike arere raho. Hanoka ahy ndre Arona naho reo anane soa hanompo Ahike ho ty mpisoro avao kea
Raho.[45]Hiay eo amy reo Israelita Raho vaho ho Andragnahare iareo. [46]Ho hay iareo te Iraho ro Yaveh,
Andragnahare iareo, ze nanday aiareo niboake ty tane Egypta soa hahazahoako miay eo amy iareo. Iraho ro
Yaveh, Andragnahare iareo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 30

[1]Magnamboara alitara hagnoroa liten-ketae magnitse. Ataovo amy ty hetae akasia zane. [2]Tokone metatse raeke ty
halavane, vaho metatse raeke ty habeine. Tokone ho efa-joro zane, vaho ty hahabone le tokone ho roe metatse.
Vaho tookone hatao raeke amine ty tsifane.[3]Sarogno liten-ketae magnitse ty alitara miarake amy ty volamena
malio__ty farane ambone, reo sisine, vaho reo tsifane. Asio sisim-bolamena ty magnodide aze. [4]Magnamboara
mason-tsilisily volamena roe harohy amine ambane ty sisine amy reo sisine mifanadrife amine. Iaze mason-
tsilisile le tokone hitajaha reo bao soa hitaranjoa iaze alitara.[5]Magnamboara bao amy ty hetae akasia, vaho
fognoso amy ty volamena reo. [6]Tokone aponao eo aloha ty lamba ze agnila tobily ty vavolombelo ty alitara ty
litenketae magnitse. Zane ho eo aloha ty sarognam-pagnavota ze ao amy ty tobily ty vavolombelo, ze hihaognako
aminareo.[7]Lonike hagnoro liten-ketae magnitse sake-maray re Arona. Lonike lafa mitajake reo jiro ro hagnoro
zane re, [8]vaho handrehitse ty jiro ndraeke re Arona amy ty halike soa hirehitse tsy tapake eo agnatreha Yaveh ty
liten-ketae magnitse, hatramy reo fokonao. [9]Te lonike tsy hagnomey liten-ketae magnitse hafa eo amy ty alitara ty
liten-ketae magnitse iriha, na kea fagnatitse oroa na fagnatitse vare. Ko magnily fagnatitse finome eo amy zane
iriha.[10]Lonike hamboatse fagnavota ndraeke mandeha san-tao eo amy reo tsifa reo re Arona. Amy ty alala ty lio ty
fagnatitse noho ty haratia ro hagnamboarane fagnavota ndraeke mandeha san-tao ho ahy zane ho amy ty
fokonao hisolo. Zane le voatoka iaby ho ahy Yaveh."[11]Yaveh nitsara tamy ty Mosesy nanao tihoe: [12]"Laha
mangalake ty fagnisaha ahy reo Israelita iriha, le tokone magnome vilim-pagbnavota ty fiay ho ahy Yaveh iaby ty
ndaty kiraikiraike. Ataonao zane lafa baka magnisake aiereo iriha, soa tsy hisia ty arete-mandane eo amy iareo
lafa magnisake aiereo iriha. [13]Reo ndaty iaby ze voaisake ao amy ty fagnisam-bahoake le handoa antsasake ty
sekele volafote, arake ty lanja ty sekele ty fitoera masy (ty sekele le mitovy amy ty gera roa-polo). Io antsasake
sekele io le hatao ho fagnatitse ho ahy Yaveh. [14]Reo ndaty iaby ze voaisake, hatramy ty roa-polo tao miakatse, ro
tsy maintse mandoa io fagnatitse io ho Ahike.[15]Lafa hagnome zane fagnatitse zane ho Ahike ty ndaty
hagnamboara fagnavota ty fiay iareo, le tsy tokone handoa mihoatse ty antsasake sekele ty manam-panagna,
vaho ty mijale tsy handao latsake. [16]Tokone handrambe zane vola fagnavota bak'amy reo Israelita zane nareo
vaho tokone handay zane amy ty asa ao amy ty ajomba lay fihaogna. Lonike ho fampahatiarova ho ahy Israelita
eo agnatrehako zane, soa hagnamboara fagnavota ho ahy ty fiainareo."[17]Yaveh nirehake tamy ty Mosesy vaho
nitsara tihoe: [18]" Magnamboara koveta bey samba avao kea miarake amy ty tsanganan-tsamba raeke, kovetabey
raeke ho fisasa. Apokareo eo agnelagnela ty ajomba lay fihaogne naho alitara zane, vaho asio rano ao ampone.
[19]Vaho Arona naho reo anandahine le tokone hansa ty tagnane naho ty tombone iareo amy ty rano ao ampone
zane. [20]Lafa handaha ho ao amy ty ajomba lay fihaogna iareo na lafa handeha hiharine ty alitara soa hanompo
Ahike amy ty alala ty fangnoro fagnatitse, le tsy maintse misasa amy ty rano iareo soa tsy ho vilasy. [21]Tsy maintse
manasa ty tagnane naho ty tombone iareo soa tsy ho mate. Lonike ho lalàgna maharitse ho ahy ty Arona naho
reo fokone vaho zisikamy reo taranake farane misolo iareo zane.[22]Nirehake tamy ty Mosesy Yaveh nitsara tihoe:
[23]"Rambeso reto zaka-magnity soa reto: miora-mitete diman-jato sekele, kanelina magnim-pofo 250 sekele, fisiky
magnim-pofo 250 sekele, [24]kasia diman-jato sekele, nimetare tamy ty vesatsy ty sekele ty fitoera masy, naho
menake oliva raeke hina. [25]Magnamboara menake fagnosora masy miarake amy reo fangaro reo, ze asa ty
mpangaroharo zaka-magnitse. Ho menake fagnosora masy zane, voatoka ho Ahike.[26]Lonike hosoranao amy io
menake i ty ajomba lay fihoagna, manahake zane kea ty tobily ty vavolombelo, [27]reo latabatse miarake amy ty
fanake iaby eo ambonine, ty fitobohan-jiro vaho reo fitaova, vaho ty alitara ty liten-ketae magnitse, [28]ty fitaova
iaby, vaho ty kovtabey miarake amy ty tombone.[29]Atokano ho Ahike reo soa ho masy ho Ahike. Ze iaby mikasike
aiereo avao kea le ho masy. [30]Lonike hosoranao re Arona naho reo anandahine le atokano ho Ahike iareo soa
hanompo Ahike ho mpisoro. [31]Lonike ho talilienao amy reo Israelita tihoe: 'Lonike ho menake fagnosoro voatoka
ho ahy Yaveh ho ahy reo foko ty ndaty toy.[32]Tsy azo hosora amy ty angozy ty ndaty zane, na manao menake
manahake zane amy ty raikipohy mitove, satria zane le voatoka ho ahy Yaveh. Te tokone hivamba zane amy zane
fombane zane iriha. [33]Na ia na ia manao liten-ketae magnitse manahake zane, na ia na ia magnisy zane eo amy ty
ndaty, le tsy maintse hafahanao hiala amy ty firenene zane ndaty zane.'"[34]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy:
"Mangalà zaka-magnitse__natafa, sekeleta. vaho leboky ty zaka-magnitse mamy ze miarake amy ty liten-ketae
malio, ataovo mitovy meza zane. [35]Ataovo hanahake ty liten-ketae magnitse zane, nafangaro ty mpamboatse zaka-
magnitse, miarake amy ty sira, malio vaho voatoka. [36]Hotorotoroanao hifangaro soa zane. Apoho eo alaha ty
tobily ty vavolombelo zane, ze ao amy ty ajomba lay fihaogna, ze hihaognako aminao. Vaho nareo le hamdrambe
zane hanake ty masy loatse ho ahike[37]Ty amy toy liten-ketae magnitse ze hataonao toy, le tsy tokone hanao
raikipohy mitovy ho ahy y vatanao iriha. Tokone ho masy loatse ho anao zane. [38]na ia na ia mamboatse raraha

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

manahake zane hampiasa hanahake ty rano magnitse le tsy maintse hafaha hiala amy ty fireneny zane ndaty zane."

Chapter 31

[1]Nanao tihoe Yaveh tamy ty Mosesy tihoe: [2]"Indro, kinaiko tamy ty agnarane re Bezalela ana dre Ori naho Ora,
bak'agne amy ty foko ndre Joda.[3]Nifenoeko tamy ty fagnahiko re Bezalela, soa hagnomezako aze fahendrea,
fahazavan-tsay, vaho fahalala, ho ahy ty karaza asa tagna iaby, [4]soa ho famolavolà ty soa vaho hiasa amy ty
volamena, volafoty, vaho samba; [5]soa hanapake naho hapipoke vato vaho hisokitse hetae avao kea__soa
hamboatse karaza asa tagna iaby.[6]Ho tovo zane ho aze, nitendreko re Oliaba anandahy ndre Ahisamatsa,
bak'agne amy ty foko ty Dana. Nasiako fahaizamanao ty tao agn'arofo ty iaby ze hendre soa hahafaha iareo
manao ze iaby nandiliako anao. [7]Tafazilike amy zane ty ajomba lay fihaogna, ty tobily ty fitsanga vavolombelo, ty
sarim-pagnavota teo ambone tobily, vaho ty fanake ty lay iaby__ [8]ty latabatse iaby naho reo fanake, ty fanaovan-
jiro malio miarake amy reo fiasane ty alitara ty liten-ketae magnitse, [9]ty alitara ty fagnatitse oroa naho tyu fiasane
iaby, vaho ty koveta bey miarake amy ty forine.[10]Voakasike zane avao kea ty akanjo vita rare matify__reo akanjo
masy ho ahy ndre Arona mpisoro naho ho ahy reo anane, voatoka ho Ahike soa hahazahoa iareo miasa ho
mpisoro. [11]Voakasike zane avao kea ty menake fagnosora naho liten-ketae magnitse ho ahy ty toera masy. Reo
lehilahy mpamboatse asa tagna iaby le tsy maintse hanao zane arake ze nandiliako anao.[12]Yaveh nirehake tamy
ndre Mosesy vaho nanao tihoe: [13]"Talilio reo Israelita tihoe: 'Tsy maintse hajainareo vatane ty andro sabata
yaveh, te zane ro fahaiza eo amine naho nareo magnera reo foko ty vahoakinareo, amy ty ze soa ho hainareo te
Re iaze Yaveh, ze nanokana anareo ho Aze. [14]Noho zane le tsy maintse magnaja ty Sabata nareo, amy zay le tsy
maintse rambesinareo ho masy zane, vaho voatoka ho Aze zane. Vaho ze mandoto zane le tsy maintse ho vonoa
ho mate vatane. [15]Na ia na ia miasa amy ty andro Sabata, le tsy maintse ho afaha amy ty vahoakine vatane zane
ndaty zane. Hatao agnate ty enegn'andro ty asa, te amy ty andro faha fito le andro Sabata ze fitofa iaby, masy,
natoka ho fiasia ahy Yaveh. Na ia na ia miasa amy ty andro Sabata le ho vonoa vatane.[16]Noho zane reo Israelita le
tsy maintse miasy ty sabata. Tsy maintse miamby zane ho lalàgna maharitse iareo magnera ty taranake ty
vahoakane. [17]Tsy Sabata le ho fahaiza eo amy Yaveh naho reo Israelita avao, agnate ty ene andro ro nagnamboara
yaveh ty lagnitse naho ty tane, vaho tamy ty andro fahafito le nitofa Reke vaho nangalake fiay.'"[18]Lafa baka
nirehake tamy ndre Mosesy Andragnahare teo am-bohitse ndre Sinay, le nomeine takelake roe ty lilim-pagnekea
re, vita tamy ty vato voasoratse tamy ty tagnane avao.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 32

[1]Lafa hisa ty vahoake te nalaondao ty hizotso bak'agne am-bohitse re Mosesy, le nivory nagnodide ahy ndre
Arona iareo le nanao tamine tihoe: "Avia, magnamboara sampy ho any soa hialoha lala antikaa. Te laha ty amy ty
Mosesy igne, iaze lehilahy ze nanday antika niakatse bak'agne amy ty tane Egypta, le tsy hainay ze nahazo aze."
[2]Le nanao tihoe Arona tamy iareo: "Afaho reo kiviro volamena ze egne amy ty sofy ty valinareo, naho egne amy ty
sofy ty anandahinareo naho ty anak'ampelanareo, le andeso etoy amiko zane."[3]Le sambe nangalake reo kiviro
volamena tegne amy ty sofy iareo iaby ty vahoake iaby le nanday zane tegne amy ndre Arona. [4]Nandrambe ty
volamena bak'amy iareo re, nipakopako zane, vaho namboatse zane ho ank'aombe voapakopako. Le nanaho
tihoe ty vahoake : "Israely, toy ro andragnaharenao ze nanday anao niakatse bak'ao amy ty tane Egypta."[5]Lafa
hisa ndre Arona zane, le nagnamboatse alitara teo agnaolo iaze anak'aombe re le nanao fagnambara; nanao tihoe
re: "Ho andro firavoravoa amy ty hasy ty Yaveh hamray." [6]Nifoha maray ty vahoake ty hamaray io le nagnome
fagnatiitse oroa naho fagnati-pilongoa. Bak'eo le nitoboke soa hitava naho hisotso iareo, vaho nitsanga nanao
fomba fankalaza vetaveta.[7]Bak'eo Yaveh nitsara tamy ndre Mosesy tihoe: "Mandena malaky, satria manao rate, ty
vahoakenao, ze nandesinao niakatse bak'ao amy ty tane egypta. [8]Nitsily malaky tamy ty lala ze nandiliako aze
iareo. Nipakopako aombekele ho aze iareo le nanompo zane naho nagnamboatse soro ho ahy zane. Nanao tihoe
iareo: " Ty Israely, toy ro andragnaharenao ze nanday anao niakatse bak'ao amy ty tane Egypta."'[9]Le nanao tihoe
Yaveh tamy ndre Mosesy: "Fa hisako toy vahoake toy. Ingo, vahoake mafe hatoke iareo. [10]Kea amy henane zao ko
misaka Ahike sase. Hirehitse amy iareo ty heloko, le haravako iareo. Le hamboatse firenena bey bak'aminao
Raho." [11]Te niezake nampilame ahy Yaveh Andragnaharene re Mosesy. Nanao tihoe re: "Yaveh, nanao akore ty
helokinao ro mirehitse amy ty vahoakenao, ze nandesinao niakatse bak'agne amy ty tane Egypta tamy ty here
bey naho tagna mahere?[12]Nanao akore reo Egyptiana ro tokone hitalily tihoe: 'Safiry rate ro nitarihane aiereo
hiboake, soa hamonoane aiereo agne am-bohitse naho handrava aiereo hiala amy ty tane?' Mialà amy ty
helokinao vaho ajanogno oy sazy amy ty vahoakenao toy. [13]Tiarovo Abrahama naho Isaka vaho Israely,
mpiasanao, ze nifantanao le nitalilinao tamy iareo tihoe: "Hagnamaro ty fokonareo manahake ty vasia egne an-
dagnitse Raho, vaho homeiko ty fokonareo ty tane iaby ze fa niresahiko taminareo. Handova zane zisikam-
parane iareo.'" [14]Bak'eo le nandefitse tamy ty fandilova ze nitaliliene te hampiharine amy ty vahoakane Yaveh.
[15]Bak'eo le nitolike re Mosesy vaho nizotso bak'agne am-bohitse, nanday tegne an-tagnane reo vato mpisake roe
misy reo lalàgna ty fagnekea. Sambe voasarotse ty ilane roe amy iaze vato, ty ao aloha naho ao afara. [16]Asa ty
Andragnahare arere reo vato, vaho sora-tagna ty Andragnahare arere ty soratse voasokitse eo amy reo vatom-
pisake[17]Lafa heno ndre Josoa ty korakoraky reo vahoake ze nikoikkoike, le nanao tiihoe tamy ndre Mosesy: "Misy
feo ty aly ao amy ty kianja.' [18]Te nanao tihoe Mosesy: "Tsy feo ty mpandrese zane henoko zane, vaho tsy feo ty
ndaty rese, te feo ty ndaty miantsa ro reko."[19]Lafa namonje iazy kianja Mosesy le nahisake iaze anak'aombe naho
vahoake nisinjake. Meloke mafe re. Natorane bak'egne an-tagnane reo vato fisake vaho nipotehine tegne ambany
ty vohitse. [20]Nalane iaze anak'aombe ze namboary ty vahoake, noroane, vaho nitorotoroane ho lemboke, le
nafitsine tagne amy ty rano,. Bak'eo nampinomike ty vahoake ty Israely zane.[21]Le nanao tihoe Mosesy tamy ndre
Arona: "Ino ro natao toy vahoake toy taminao, ro le nandesenao haratia bey manahake zao iareo?" [22]Te nanao
tihoe Arona: "Ko apoke hirehitse ty helokinao, tompoko. haintso reo vahoake reo, ty faharisiha iareo hanao rate.
[23]Nanao tihoe iareo tamiko: 'Hagnamboaro andragnahare hiolo lala anay zahay. Te laha ty amy igny Mosesy igne,
iaze lehilahy ze nanday anay niakatse bak'agne amy ty tane Egypta, le tsy hainay ze nahazo aze.' [24]Le nanao tihoe
raho tamy iareo: 'na ia na ia mana volamena, le lonike re hangalake zane.' Nomeiy iareo ahike ty volamena le
natorako tao ampo afo zane, vaho bak'amy zan ro nahazahoa toy aombikele toy."[25]Hisa ndre Mosesy te nanao
fitondran-tegna tsy mendreke reo vahoake (satria napo ndre Arona hioha-pefe iareo, napipoke reo fahavalo iareo
handrate aiereo). [26]Bak'eo Mosesy nitsanga teo amy ty fiziliha mandeha amy ty kianja le nanao tihoe: "Na ia na ia
miarake amy Yaveh, le mandehana etoy amiko." Nivory nagnodidy aiereo Levita iaby. [27]Nanao tihoe re tamy
iareo: "Yaveh, Andragnahare ty Israely, le nitalily tihoe: 'Lonike ty ndaty kiraikiraike hanao ty mesone ho eo am-
balahane vaho hikariokarioke eo amy ty isam-baravara magnera ty kianja, le hamono ty rahalahine, ty ragnine
vaho ty namane amine.'"[28]Namboare reo Levita ze nandilia ndre Mosesy. Tamy io andro io le teo amy ty telo arivo
ndaty ro maty. [29] Nanao tihoe tamy reo Levita Mosesy: "amy zao le natao ho mpiasa Yaveh nareo, satria namono
ty anandahine naho rahalahine ty kiraikiraike amianareo, soa hagnaomeza Yaveh fitahia o anareo amizao."[30]Ty
hamaray igny le nanao tihoe Mosesy tamy reo vahoake: "Nanao faharatia bey vatane nareo. Amy henane zao le
hiakatse ho agne amy Yaveh raho. Vasa mete afake manday fagnavota amy ty haratianareo raho." [31]Le nimpoly
tagne amy Yaveh re Mosesy le nanao tihoe: "Nanao haratia bey reto vahoake reto vaho nagnamboatse sampe vita
tamy ty volamena ho ahy ty vata iareo. [32]fe amy henanezao, apoho ragnandria ty haratia iareo; te laha tsy zane, le

afahoo ao amy ty boky ze nisoratinao ty agnarako."[33]Nanao tihoe tamy ndre Mosesy: "Na ia na ia nanao rate
tamiko, le ho afahako ao ampo ty boky ty agnara zane ndaty zane. [34]Kea mandena amy henanezao, tariho ho agne
amy ty toera ze fa nitalilieko anao ty vahoake. Indro, hiolo anao ty anjeliko. Te amy ty andro handilovako aiereo
." [35]Bak'eo Yaveh nandefa loza teo amy reo vahoake satria iareo nagnamboatse iaze aombikele, ze namboare ndre
Arona.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 33

[1]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "Mindrisoa teto iriha naho reo ndaty ze nandesinao niboake ty tane
Egypta. Mandena agne amy ty tane ze nagnanovako fifanta tamy ndre Abrahama, tamy ndre Isaka, vaho tamy
ndre Jakoba, lafa nitsara Raho tihoe: 'Hoimeiko ho ahy reo taragnao reo toy.' [2]Hagnirake anjele eo agnoloanao
Raho, vaho Irah handroake reo Kananita, Amorita, Perisita, Hevita, vaho Jebosita. [3]Mandena agne amy zane tane
zane, ze handehana ty ronono naho tantele, te tsy hiakatse hiarake aminareo raho, satria vahoake mafe loha
nareo. Mete handrava anareo egne an-dala raho."[4]Lafa heno ty vahoake reo tsara nanahiran-tsay reo, le
nahalahelo iareo, vaho tsy nisy niravake firavake sase. [5]Yaveh nitsara tamy ndre Mosesy tihoe: "Talilio amy reo
Israelita tihoe: 'Vahoake mahere loha nareo. Laha mandeha eo aminareo Raho na le fotoa raike, le handrava
anareo Raho. Kea amy henanenzao, afaho reo firavakareo soa hahazahoako manapa-kevitse amy ze tokone hatao
aminareo.'" [6]Le tsy niravake firavake reo Israelita iaby tagne am-bohitse ndre Horeba.[7]Nandray lay re MOsesy
vaho nagnory zan ambalaky ty kianja, lavidavitse kele ty kianja. Kinaine tihoe ty ajomba lay fihaogna zane. Reo
iaby ze nangatake raraha tamy Yaveh ro miboake le mandeha ao amy ty ajomba lay fihaogna, ambaliky ty kianja.
[8]Lafa hiboake bak'ao amy ty fiziliha ao amy ty laine iaby reo vahoake vaho nagnete ahy ndre Mosesy mandra-
pizilihane ao ampone. [9]Saky ty nizilike ty lay re Mosesy, le nizotso ty andry hiboke vaho nitsanga teo amy ty
fiziliha ao amy ty lay le nirehake tamy ndre Mosesy Yaveh.[10]Saky ty mahisake zane hiboke mateve zane eo amy ty
fiziliha ao amy ty lay ty vahoake, le nirene vaho nanompo, ty ndaty iaby saky ty fiziliha ao amy ty laine iaby.
[11]Yaveh le nirehake nifagnatri-tarehe tamy ndre Mosesy, manahake ty ndaty mirehake amy ty ragnine. Le
nimpoly tagne an-kiaja re Mosesy, te re Josoa mpiasane ana ndre Nona, ze mpamarake. le nijano tao amy ty lay.
[12]Nanao tihoe re Mosesy tamy Yaveh: "Ingo, Iriha nitalily tamiko tihoe: 'Andeso mandeha reo ndaty reo,' feie
Irirha tsy nagnenga ahike hahay tihoe ia ro hirahinao hiarakae amiko. Nitsara Iriha tihoe: 'Iraho mahay anao
amy ty agnara, vaho nahisake fitea teo amy ty fanjoko kea iriha.' [13]Amy henazezao laha nahisake fitea teo amy ty
fanjonao vaho raho, aseho ahike ty lalanao soa hahazahoako mahay Anao vaho hanohy hipay fitea eo amy ty
fanjonao. Tiarovo te vahoakenao toy firenena toy."[14]Yaveh namale tihoe: "Ty fagnatrehako avao ro hiarake
aminao, vaho Iraho hagnome ana fitofa." [15]Nanao tihoe Mosesy tamine: "Laha tsy miarake aminay Iriha, le ko
afahanao etoa zahay. [16]Te laha tsy zane, nanao akore moa ro hahaiza te nahisake fitea teo amy ty fanjona raho,
iriho naho reo vahoakenao? Nao tsy ty handehananao ,iarake aminay avao vao ro mampiavake ahike naho reo
vahoakenao amy ty firenena iaby ze eto ambony ty tane?"[17]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "Hataokp avao
kea zane raraha nangatahinao zane, te nahisake fitea teo amy ty fanjoko iriha, vaho mahay anao amy ty agnara
raho." [18]Nanao tihoe re Mosesy: "Asaehoy ahike ragnandria ty hasinao."[19]Nanao tihoe : "ampandaloviko eo
agnatrehanao ty hasoako iaby, vaho Iriha hitalily ty agnarako 'Yaveh' eo agnatrehanao,. Hiferignay ze
hiregnesako raho, vaho haneho famindram-po." [20]Te nanao tihoe Yaveh: "Mete tsy hahisake ty tareheko iriha,
satria tsy misy afake mahisake Ahike le ho velo."[21]Nanao tihoe Yaveh: "Ingo, toy iaze toera eto agnilako; hitsanga
ambony io vatombey io iriha. [22]Laha mboe mandalo ty hasiko, le apoko ampagnivoa ty vatombey iriha vaho
holombofako ty tagnako iriha mandra-pandaloko. [23]Le ho afahako ty tagnako, vaho hahisake ty lambosiko iriha,
te tsy ho hisake ty tareheko."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 34

[1]Le nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "Magnamboara vato mpisake roe manahake reo voalohane.
Hosoratoko ao reo tsara ze tao ampo ty vato mpisake voalohane, le reo vato ze nivakinao. [2]ivonogna mandra-
maray vaho miakra agne am-bohitse ndre Sinay, le amboaho amiko eo ambone vohitse ty vatanao.[3]Tsy hisy ndaty
hiarake hiakatse aminao. Kea ko ampoke hisy nadaty hafa ho hisake egne am-bohitse. Lonike tsy hisy na biby
fihare na aombe ko roahy eo agnoloa ty vohitse." [4]Le namboare ndre Mosesy reo vato mpisake roe manahake reo
voalohane, vaho nifoha maray bre le lsa niakatse tagne am-bohitse Sinay, arake ty nadilia Yaveh aze. Vaho
nandesy ndre Mosesy tegne an-tagnane reo vato mpisake.[5]Le nizotso tao amy ty hiboke Yaveh le nitsanga niarake
tamy ndre Mosesy teo, vaho nitogno ty agnarane tihoe "Yaveh" re. [6]Le nandalo teo agnoloane Yaveh le nitalily
tihoe: "Yaveh, Yaveh, Andragnahare le mamindra arofo naho miferignay, mahari-po, naho feno fahatokiam-
pagnekea naho fahamendreham-pitokisa, [7]mitajake ty tsy fivaliaham-pagnekea hatramy ty taranake arivo
mifanolosolo, mamela heloke, fahadisoa, vaho haratia Re. Nefa hadio ze meloke Re. Hamaly ty heloky reo rae
amy reo anake Re naho amy reo anaky reo ana, hatramy ty taranake fahatelo naho fahaefatse."[8]Le nagnondrike
malaky ty ambonine tamy ty tane re Mosesy le nivavake. [9]Le nanao tihoe re: "Amy henanezao laha nahisake fitea
teo amy ty fanjonao raho, Tompokp, mandehana eo ampagnivoany, te mahere loha reo ndaty reo. Mamelà ty
helokay naho ty haratianay, vaho rambeso ho lovano zahay."[10]Le nanao tihoe: "Ingo, hanao fagneko Raho. Le eo
agnatreha ty ndatinao iaby, le hamboatse zaka-mahavere ze tsy mboe namboariko tamy ty tane iaby na ty
firenena Raho. Hahisake reo asako ty ndaty iaby ao aminao, te zaka mampatahotse ro hamboariko miarake
aminao. [11]Inao ze nandiliako anao androane. Horoahiko hiala tsy ho eo agnatrehanareo reo amorita, Kananita,
Hetita, Perizita, Hivita, vaho reo Jebosita.[12]Kea miambena soa tsy hanao fifagnekea amy ty vahoake agne amy ty
tane ze andehananao iriha, sao lasa fandrike eo aminareo zane. [13]Nefa kea, akompaho reo alitarane, torotoro reo
tsangam-batone, vaho poteho reo bao Asereha iareo. [14]Vaho iriha tsy hanompo Andragnahare hafa, te Yaveh, ze
mana agnara tihoe Mamarahy, le Andragnahare mamarahy.[15]Kea miambena soa tsy hanao fifagnekea amy ty
vahoake eo amy ty tane, satria iareo mamarotse ty vatane amy reo andragnaharine, vaho mamboatse soro ho
ahy reo andragnaharine iareo. Le ty raeke amy iareo hangatake anao, le hitava ty hatane amy ty sorone iriha,
[16]vaho na le hangalake ty hatane amy reo anak'ampelane ho ahy reo anandahinao kea iriha, le mboe hivarotse ty
vatane amy reo andragnaharine avao reo anak'ampelane, vaho hampijanganjanga reo anandahinao amy reo
andragnaharine. [17]Ko mamboatse andragnaharine voavoatse amy ty vy ho anao.[18]Lonike ho ambenanao ty
Firavoravoa ty Mofo Tsy misy Masirasira. Arake ty nandiliako anao, fitoandro ro hitavanao ty mofo tsy misy
lalivay amy ty fotoa mipetrake amy ty vola Abiba, satria tamy ty vola Abiba ro niboahanareo bak'agne Egypta.
[19]Reo anandahinao voalohane iaby le Ahike, eka na le ty lahine anterake amy reo biby fiharinao voalohane iaby
kea, ty aombe naho reo aondre. [20]Koa tsy maintse himpoly hivily ty apondra naho ty anodre iriha, le lafa tsy
hampolinao vily zane, le hofolahinao ty vozone. Tsy maintse hampolinao vily reo anandahy reo anandahinao
voalohane. Vaho lonike tsy hisy ndaty himboake eo agnoloako amim-tagnam-polo.[21]Mete hiasa agnae ty ene
andro iriha, te amy ty andro fahafito le tsy maintse mitofa iriha. Eka na le amy ty taom-pamboea naho taom-
pamokara kea, le tsy maintse mitofa iriha. [22]Tsy maintse hiambe ty Heregnandro ty Feravoravoa amy ty fagnatera
ty voaloham-bokatse amy ty famokaram-bare iriha, vaho tsy maintse hiamby ty Andro firavoravoa amy ty
famoria amy ty fiafara ty tao iriha.[23]Tsy maintse himboake intelo isan-tao agnatreha ty Tompo Yaveh ty
lehilahinao iaby, le ty Andragnahary ty Israely. [24]Te handroake firenena eo alohanao Raho vaho hagnitatse ty
sisin-tanenao. Tsy hisy hitiry ty hana ty tanenao ho aze lafa miakatse miboake eo agnoloa Yaveh
Andragnaharenao intelo isan-tao iriha.[25]Tsy hagnaome liom-biby atao fagnatitse miarake amy ty lalivay iriha, na
hamela ty hena bak'amy ty fagnatitse amy ty andro Firavoravoa ty Paska ho tra-maray. [26]Tsy maintse andesinao
ao an-jombako ty soa loatse amy ty voaloham-bokatse bak'amy ty baibonao. Vaho iriha tsy hiketrike anak'aose
amy ty rononon-drenene."[27]Le nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "Sorato ao reo tsara reo, te Iraho hanao
antoke ty vatako amy reo tsara ze nitalilieko, vaho fa nanao fagnekea taminao naho Israely." [28]Niarake tamy
Yaveh efapolo andro naho efepolo halike tagne Mosesy; tsy nitava na nino rano re. Le nisoratane tamy reo vato
mpisake reo tsara fagnekea, le ty Lily folo.[29]Lafa nizotso bak'agne am-bohitse Sinay niarake tamy reo vato
mpisake roe nisy ty lilim-pagnekea tegne an-tagnane Mosesy, le tsy haine te lasa namirapiratse ty holi-tsabdrine
lafa nirehake tamy ty Andragnahare. [30]Lafa nahisake ahy ndre Mosesy re Arona naho reo Israelita, le le
namirapiratsy ty holi-tsadrine, le nahotse ty harinike ae iareo. [31]Te Mosesy nikaike aiereo, vaho Arona naho reo
mpitarike aby eo amy ty fikambana kea niakatse nandeha eo amine. Vaho le nirehake tamy iareo Mosesy.[32]Tafara
zane, namonje ahy ndre Mosesy ty vahoak'Israely iabby, vaho re nitalily reo lily ze nomey Yaveh aze tagne am-
bohitse Sinay. [33]Lafa vita ty reha ndre Mosesy tamy iareo, le nasiane voale ty tarehene.[34]Na ombia na ombia ro


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

handeha ndre Mosesy eo agnoloa Yaveh soa hirehake amine, nangalake ty voaline re, mandra-piboahane,. Vaho
lafa niboake re, le nitalily tamy reo Israelita ze nandilia aze ho taliliene. 35Lafa hisa ty Israelita ty famirapirata ty
tarehe ndre Mosesy, le nasarone ty tarehene ndraeke ty voale mandra-pimpolia ao soa hirehake amy ndre Yaveh.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 35

[1]Nampovory reo vahoake ty Israelita iabyMosesy vaho nitsara tamy iareo tihoe: "Reto ty raraha ze nandilia Yaveh
ho ataonareo. [2]Andro ene ro afake anaova ty asa, te ho anareo, ty andro fahafito le ho andro masy, andro Sabata
ty fitofa feno, naho masy ho ahy Yaveh. Na ia na ia miasa amy zane andro zane le hovonao ho mate. [3]Lonike tsy
handrehitse afo agne amy ty tragnonareo nareo amy ty andro Sabata."[4]Nitsara tamy reo fikambana ty Israelita
iaby Mosesy. nanao tihoe: "Zao ro raraha nandilia Yaveh. [5]Mangalà fagnatitse ho ahy Yaveh, nareo iaby ze mana
fahavonognam-po. Mandesa fagnatitse ho ahy Yaveh__volamena, volafote, samba, [6]manga, volomparasy, vaho
volo ty aondre jaky naho rongone fote malinike; volo ty aose; [7]angozy ty aondre lahy miloko mena naho angozi-
dogaona; hetae akasia;[8] menake atao amy ty fanaovan-jiro masy, hagnitse ho ahy ty menake fagnosoro vaho liten-
ketae magnitse, [9]vato berila naho vato lafovily hafa apetrake ho amy ty efoda naho ty saron-tratra.[10]Ty lehilahy ze
mana fahaiza eo aminareo le ho avy le hanao ty raraha iaby ze nandilia Yaveh__ [11]ty tabernakely miarake amy ty
laine, ty sarone, ty varangone, ty rafitrane, ty barane, ty tsangatsangane, vaho ty fadiane; [12]vaho keaty tobile
miarake amy ty vbaone, ty sarom-pagnavota vaho ty lamba hamoniane aze.[13]nandesy iareo iaze latabatse
miarake amy ty baone, ty fanake iaby ao amine, vaho ty mofo ty fagnatrehane; [14]ty fanaovan-jiro ho ahy reo
hazava, miarake amy ty fitaova amy zane, reo jirone, vaho ty solike ho ahy reo jiro; [15]ty alitara fandoroa miarake
amy reo baone ty menake fagnosora naho ty liten-ketae magnitse; ty fefe lamba ho ahy ty fiziliha ty tabernakele;
[16]ty alitara ho ahy reo fagnatitse oroa miarake ty makarakara samba zane naho reo boane vaho reo fanake; vaho
ty okovetabey naho ty fadiane.[17]Nandesy iareo ty fefe lamba ho ahy ty kianja miarake amy ty tsangatsangane
naho ty fadiane, naho ty lamba ho ahy ty fiziliha ao an-kianja; [18]vaho ty fihantogna ty lay ho ahy ty tabernakel
naho ty kianja, niarake tamy reo taline. [19]Nanday reo akanjo vita rare malinike hanompoa teo amy ty toera masy
iareo, ty akanjo masy ho ahy ndre Arona mpisoro naho reo anandahine, soa hiasa iareo ho mpisoro.[20]Bak'eo le
nangnega vaho niala steo agnatreha ndre Mosesy iaby reo foko ty Israely. [21]Le avy reo ndaty iaby ze voatarike ty
arofone naho reo ze nitarihy ty fagnahine hanam-pagniria vaho nanday fagnatitse ho ahy Yavehho ahy ty
fagnamboara ty tabernake, ho amy ze raraha iaby mete ampiasay amy zane, naho ho ahy reo akanjo masy. [22]Avy
iareo, na ty lehilahy na ty ampela, ze iaby soa zato arofo, nanday reo fisisike, kiviro peratse, reo firavake, naho
reo karaza firavake volamena iaby iareo. Nagnome fagnatitse volamena ho fagnatise ahelaheka ho ahy Yaveh
iareo iaby.[23]Ty ndaty iaby ze nana bole, volomparasy, na volo ty aondre jaky, rongone fote malinike, volo ty aose
angozy ty aondre lahy miloko mena, naho angozy ty dogaona le nanday reo. [24]ty ndaty iaby nanao fagnatitse
volafotse na samba le nanday zane ho fagnatitse ho ahy Yaveh, vaho ty ndaty iaby ze nana hetea akasia mete
ampiasa amy ty asa le nanday zane.[25]Reo ampela iaby nana fahaiza-manboatse le nagnombotse volo ty aondre
tamy ty tagnane vaho nanday ze voambotsine__bole, volomparasy, na volo ty oandre jaky na rongone fote
malinike. [26]Reo ampela iaby nentagny ty arone naho reo ze nana fahaiza le nagnombotse volo ty aose.[27]Reo
mpitarike le nanday vato beryla naho vatosoa hafa kea soa hatao ao amy ty efoda naho reo saron-tratra; [28]nanday
zaka-magnitse naho menake ho amy ty fanaovan-jiro, ho ahy ty menake fagnosora, vaho ho ahy ty liten-ketae
magnitse iareo. [29]Le nanday fagnatitse zoto arofo ho ahy Yaveh reo Israelita; ty lehilahy naho ty vehivavy iaby ze
nitarihy ty arofone le nanday fiasa ho amy ty asa iaby ze nandilia Yaveh tamy ty alala ndre Mosesy soa
hamboare.[30]Nanao tihoe Mosesy tamy reo Israelita: "Ingo, Yaveh nikaike ahy ndre Bezalila anandahy ndre Ory
anandahy ndre Hora, bak'amy ty foko ndre Joda. [31]Tamy ty fagnahine re Bezalila, soa hagnome aze fahendrea
fahatakara, vaho fahalala, amy reo karaza fanaova fambora raraha iaby, [32]soa hamboatse asa soa famorogna
naho hiasa amy ty volamena, volafoty, vaho samba; [33]vaho kea soa hanapake naho hametrakke reo vato vaho
hisokitse reo hetae__soa hanaova reo karaza asa famorogna iaby fanaova famboara raraha.[34]Nataone tao am-
pone soa hampianara zane, le reke naho Oholiaba anandahy ndre Ahisamaka, bak'amy ty foko ndre Dana.
[35]Nameno aiereo tamy ty fahaiza-mamboatse raraha soa hagnamboara reo karaza asa iaby re, ho mpamboatse
asa-tagna, ho mpamboatse asa sokitse, vaho ho mpamboatse peta-kofehe amy ty bole, volomparasy, volo ty
aondre jaky vaho ty rongone fote malinike, vaho ho mpagneno. Mpamboatse asa tagna amy ty karaza ty asa iaby
iareo, vaho mpamoro asa soa.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 36

[1]Bezalila naho Oholiaba vaho reo ndaty manan-talenta iaby ze fa noe Yaveh fahiza-mamboatse naho fahalakia
soa ahay ty fomba fiasa amy ty fagnamboara ty toera masy le nambontse ty asa arake ze iaby nandilia
Yaveh[2]Nampikaihy ndre Mosest re Bezalila, Oholiaba, vaho reo ndaty manan-talenta ze nomey Yaveh fahaiza-
mamboatse raraha, vaho ze nentagny ty arofone ho avy le hamboatsy ty asa. [3]Iareo le nandrambe reo fagnatitse
iaby bak'amine re Mosesy, ze nandesy reo Israelita ho amy ty fagnamboara ty toera masy. Saky-maray le mboe
nagnome fagntitse zaoto arofo ho ahy ndre Mosesy reo ndaty. [4]Kea reo ndaty manan-talenta iaby niasa teo tamy
ty asane ze nataone.[5]vaho nitalily tamy ndre Mosesy ty mpamboatse asa tana tihoe: "Nanday mihoatse noho ze
ampe amy ty fagnamboara ty asa ze nandilia Yaveh ho amboarenay reo ndaty.: [6]Kea nagnome baiko re Mosesy te
tsy taokone hisy handay fagnatitse amy ty fagnamboara ty toera masy sase ao amy ty kianja na raeke . Vaho
nitsahatse nanday fagnomeza reo ndaty. [7]Nana fitaova mahoatse noho ze paive amy ty asa iaby iareo.[8]Kea le
nagnamboatse tabernakely amy ty lamba vita amy ty rongone foty naho bole, volomparasy, naho volo ty aondre
jaky vaho mitovitovy Kerobima reo mpamboatse asa-tagna iaby tao amy iareo. Zane le asa ndre Bezalila, iaze
mpamboatse asa-tagna vatane mahay. [9]Ty halava ty lamba kiraikiraike le folo valo ambe metastse. Mitovy habey
reo lamba iaby. [10]Naharo ndre Bezalila ty lamba dimy, vaho reo hafa le naharone avao kea.[11]Namboatse
talivaravara bole teo amy ty fara ty sisin-amba tamy ty sisine raike fa vita zaitsine reke, vao namboarine
manahake zane kea sisin-damba tamy ty zaitsine faharoe. [12]Namboatse talivaravara dimam-polo tamy reo lamba
voalohane re vaho dimam-polo ty talivaravara egne amy ty sisine tamy ty lamba faharoe vita zaitse. Koa reo
talivaravara le mifanadrife iaby. [13]Namboatse farangi volamena dimam-polo re vaho naharone niarake tamy zane
reo lamba soa hiharo ho raike ty tabernakely.[14]Namboatse lamba vita tamy ty volo ty aose re Bezalila ho lay
handrakofa ty tabernakely; nahavita lamba folo raiky ambe isake re. [15]Ty halava ty lamba kiraikiraike le telopolo
metatse, vaho ty habey lamba raeke le efatse metatse. Mitovy habey reo lamba folo raiky ambbe reo. [16]Naharone
kiraikiraike reo lamba dimy vaho ty ene hafa le naharone arere. [17]Nasiane talivaravara dimam-polo tamy reo
amben-damba vita zaitse voalohane, vaho dimampolo tamy reo amben-damba ze naharone tamy reo zaitse
faharoe.[18]nahavita farango samba dimampolo re Bezalila soa hampiharo ty lay ho raeke. [19]Nagnambotse
fandobofa vita amy ty angizy ty aondre lahy miloko mena ho ahy ty tabernakele, naho fandobofa hafa vita amy ty
holitse soa ho eo ambone zane re.[20]Vaho nagnamboatse rafitse mitsanga vita amy ty hetae ty akasia re Bezalila ho
amy ty tabernakele. [21]Ty halava reo ana-ketae le raike naho sasane metatse. [22]Ty rafitse kiraikiraike iaby le misy
ana-ketae roe soa hiharoa aiereo miarake. Namboarine manahake zane iaby reo rafitse ty tabernakely. [23]Le
namboarine manahake reo reo rafitse iaby ho ahy ty tabernakel: rafitse roapolo ho ahy ty ilane
atimo[24]Namboatse tmbone volafotse efapolo re Bezalila soa atao eo ambany reo rafitse roapolo. Nisy fadiane roe
tao ambany ty rafitse raeke hampiharo ahy reo rafitse iaby, vaho fadiane roe avao kea ambany ty rafitse
kiraikiraike hafa soa hiharoa reo. [25]Vaho ty ilane faharoe ty tabernakely teo amy ty ialne avaratse, le nasiane
rafitse roapolo [26]naho fadiane roe ambany ty iaze rafitse voalohane, fadiane roe ro ambane iaze hetae mpisake
magnarake, le manahake zay avao.[27]Nagnamboatse rafitse ene re Bezalila ho ahy ty lambosine ty tabernakely
andrefa. [28]Nasiane rafitse roe ene amy reo zorone tabernakely.[29]Reo hetae mpisake reo le nisarake iaby ty
ambane, te niharo tamy ty mason-tsilisily raeke egne ambonine. Namboarine manahake zane ty roe tamy reo ho
ahy ty zorone roe. [30]Vaho nisy rafitse valo, niarake tamy reo fadiane volafoty. Folo enign'ambe ty isaky reo
fadiane, fadiane roe ambane ty rafitse valohane, fadiane roe ambane ty rafitse magnarake, vaho manahake zane
avao.[31]namboatse bara vita amy ty hetae akasia re Bezalila__dime ho ahy ty rafitse ty agnila ty tabernakele, [32]bara
dime ho ahy ty rafitse amy ty agnila ty tabernakely hafa, vaho bara dime ho ahy ty rafitse ao an-dabosy ty
tabernakel miangnandrefa. [33]Nataone teo agnivo reo rafitse iaze bara, ty tihoe, ampagnivoane ambone, soa
hahaiza ty farane roe. sarognane volamena reo rafitse. Nagnamboatse ty mason-tsilisily reo tamy ty volamena re,
soa hampiasa hitajaha ahy reo bara, vaho nisarognane tamy ty volamena reo [34]bara.[35]Kea le nagnamboatse lamba
vita amy ty raongone fote naho bole, volomparasy, naho volo ty aondre jaky vaho manahake Kerobima, ze asa ty
mpamboatse asa-tagna mahay raraha re Bezalila. [36]Nagnamboatse fiankina vita amy ty hetea akasia re, vaho
nisarognane voalmena reo. namboatse farangom-bolamena ho ahy reo fiankina avao kea re, vaho nanefe fadiane
volafote efatse ho ahy reo.[37]Nagnamboatse fefe lamba ho ahy ty fiziliha amy ty lay re. namboatse tamy ty bole,
volomparasy, vaho volo ty aondre jaky, tamy ty fampiasa rongone fote malinike zane, ze asa ty mpamboatse peta-
kofehe. [38]Nagnamboatse fefe lamba reo fiankina dime tamy ty farango avao kea re. Nisarognane volamena ty
ambone reo naho reo fitatognane. Reo fadiane dimy le natao tamy ty samba.

## Chapter 37

[1]Bezalila nanao iaze tomobily tsmy ty hetae akasia. Roe metatse naho sasane ty halavane; metatse raeke naho
sasane ty velarane; vaho metatse raeke naho sasane ty hahabone. [2]Nisaro zane tao ampone naho tao ambalikine
re niarake tamy ty volamena tsy mifangaro vaho nanao zane ho sisim-bolamena nmgnodidy ty farane ambone.
[3]Nanefe mason-tsilisily volamena efatse re ho ahy ty tombone efatse, niarake tamy ty mason-tsilisily roe tamy ty
ilane raeke, vahi mason-tsilisily roe tamy ty ilane hafa.[4]Namboarine tamy ty hetae akasia ty bao vaho nanaro
zane tamy ty volamena re. [5]Nampipoke iaze bao tao amy ty mason-tsilisily teo amy reo sisy ty tomobily re, soa
hitaranjoa ty sambo tomobily. [6]Namboatse sarom-pagnavota volamena tsy mifangaro re. Roe meyttse naho
sasane ty halavane, vaho metatse raeke naho sasane ty habeine.[7]Bezalila nanao kerobima volamena roe ho ahy ty
tendro ty sarognam-pagnavota roe. [8]Ty kerobima raeke le ho ahy ty tendro ty sarognam-pagnavota raeke, vaho ty
kerobima raeke hafa le ho ahy ty tendro ty sarognam-pagnavota raeke hafa. Natao ho ampahane raeke avao reo
miarake amy ty sarognam-pagnavota. [9]Namelatse reo elatsine iaze kerobima vaho nagnaloke ty sarognam-
pagnavota niarake tamy reo. Mifagnatrike naho mitolike agne ampagnivoa ty sarognam-pagnavota reo kerobima.
[10]Bezalila namboatse ty latabatse vita tamy ty hetae akasia. Roe metatse naho sasane ty halavane, mtetatse raeke
naho sasane ty habeine, vaho metatse naho sasane ty hahabone. [11]Nandrakotse zane tamy ty volamena tsy
mifangaro re vaho nampipoke sisim-bolamena tsy mifangaro nagnodidy ty ambonine. [12]Nagnisy rafitse
nagnodidy volivohom-pelatagnane raeke iaby re, niarake tamy ty sisim-bolamena nagnodidy iaze rafitse.
[13]Nanefe mason-tsilisily volamena efatse ho ahy zane re vaho nandrohy reo mason-tsilisily tamy reo zorone
efatse, ze nisy reo tomboke efatse.[14]Voarohy tamy reo zorone efatse reo mason-tsilisily, soa hagnomeza toera ho
ahy reo bao, soa hitaranjoa iaze latabatse. [15]Namboatse reo bao tamy ty hetae akasia re vaho nanaro reo tamy ty
volamena, soa hitaranjoa iaze latabatse. [16]Namboatse reo fanake ze hapoke eo ambone ty latabatse re__reo finga,
sotro, finga golobo, naho reo fitoeran-divay soa hampiasa hagniligna reo fagnatitse. Namboarine tamy ty
volamena tsy mifangaro reo.[17]Namboarine tamy ty voalmena tsy mifangaro iaze fitobohan-jiro. Namboarine
niarake tamy ty fandiane naho ty tahone ty fitoeran-jiro. Ty kapoakine, ty vatone vaho ty folerane le namboary
ampahane raeke miarake amine. [18]Nisy jembane ene niboake iaby tamy reo sisine__jembane telo niboake tamy ty
sisine raeke, vaho jembane telo hafa ro niboake amy reo sisne amy ty fitobohan-jiro. Ty jembane voalohane le
nana kapoake telo vita manahake ty riaky ty folera ty amandia mamolera, miarake amy ty vato raeke naho folera
raeke. [19]Vaho kapoake telo namboare manahake ty amandia mamolera tamy ty jembane raeke hafa, miarake amy
ty vatone raeke, naho folera raeke. Le manahake zane iaby ho ahy reo jembane ene niboake bak'amy reo
fitobohan-jiro.[20]Eo amy ty fitobohan-jiro, teo amy ty tahone ampagnivoane, le nisy kapoake efatse namboare
manahake ty amandia mamolera, niarake tamy ty vato iareo naho reo folera. [21]Nisy vatone raeke tao ambane ty
jembane roe voalohane__ze naboare raeke amine, vaho vatone raeke tao ambany ty jembane roe
faharoe__namboary raeke amine avao kea zane. Tamy ty fomba mitovy le nisy vatone raeke tao ambany ty
jembane roe fahatelo, namboary raeke amine. Vaho manahake zane kea reo jebane ene niboake tao amy ty
fitobohan-jiro. [22]Ty vatone naho ty jemba iareo le raeke amine, sombin'asam-bolamena tsy mifangaro raeke.[23]
Bezalila namboatse ty fitobohan-jiro naho jiro fito reo, ty hetin-jiro naho fitobohan-davenoke voalmena tsy
mifangaro reo. [24]Namboatse tsy fitobohan-jiro naho reo fiasa miarake tamy ty talenta volamena raike tsy
mifangaro re.[25]Bezalila namboatse ty alitara ty liten-ketae magnitse. namboatse zane tamy ty hetae akasia re.
Metatse raeke ty halavane, vaho metatse raeke ty hahabone. Ty tsifane le namboare manahake raeke amine.
[26]Nandrakotse ty alitara ty liten-ketae magnitse tamy ty volamena malio re__ty ambonine. reo sisine. vaho reo
tsifane. namboatse sisim-bolamena nagnodidy ho ahy zane avao kea re.[27]Namboatse mason-tsilisily volamena roe
re soa handrohiza zane ao ambane ty sisine eo amy ty sisine roe mifanandrife amine. ZReo mason-tsisily le
namboare hitajaha reo bao soa hitaranjoa ty alitara. [28]Namboarine tamy ty hetae akasia reo bao, vaho
nandrakotse reo tamy ty volamena re. [29]Reke le nagnamboatse ty menake fagnosora masy naho ty fofo tsy
mifangaro ty liten-ketae magnitse, ze asa ty mpamboatse zaka-magnitse.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 38

[1]Bezalila namboatse ty alitara ho ahy ty fagnatitse ho ahy ty fagnatitse oroa tamy ty hetae akasia. Zane le dimy
metatse ty halavane vaho dimy metatse ty halaline__efa-joro__vaho telo metatse ty haabone. [2]Vaho nagnitatse reo
zorone efatse hitovy manahake ty tsifa ty aombe re. Ty tsifa le naharo raeke tamy ty alitara, vaho nandrakotse
zane tamy ty samba re. [3]Namboatse ty fitaova iaby ho ahy ty alitara re__valagny ho ahy ty lavenoke, fangaly,
kovetabey, sotro tatake, vaho valagny fandesa afo. Nanao reo fiasa iaby reo tamy ty samba re.[4]Namboatse
makarakara ho ahy ty alitara. Seza samba soa hitoboha ao ambany ty rindry, teo amy ty fisasahane le hatragny
amy ty farane ambane. [5]Nandrendrike mason-tsilisily efatse ho ahy reo zoro efatse ty makarakara samba re, ho
fitajaha reo bao.[6]Namboatse bao tamy ty hetae akasia vaho nandrakotse reo tamy ty samba re Bazalila.
[7]Nametake reo bao tamy ty mason-tsilisily teo amy reo lafy ty alitara re, soa hitaranjoa zane. Namboatse ty alitara
poak'aty re, tamy ty hetae akasia.[8]Namboatse koveta samba bey miarake amy ty fitobohane samba re Bezalila.
Namboatse ty koveta tamy ty fitaratsy reo ampela ze nanompo teo amy ty fiziliha mandeha agne amy ty lay
fihaogna re.[9]Namboatse ty kianja avao kea re. Reo fefe lamba teo amy ty lafine avaratsy ty kianja le rongone foty
malinike, zato metase ty halavane. [10]Reo fefe lamba le nisy tsangatsangane roapolo, vaho fadiane samba roapolo.
nisy farango nipitike tamy reo tsangatsangane, naho teo amy ty fitohiza volafoty.[11]Manahake zane kea nagnarake
ty lafine avaratse, le nisy fefe lamba zato metatse ty halavane miarake amy ty tsangatsangane roapolo, fadiane
samba roapolo, farango nioitike tamy reo tsangatsangane, vaho fitohiza volafoty. [12]Reo fefe lamba ty lafine
atignana le dimompolo metatse ty halavane, miarake amy ty tsangatsangane naho fadiane folo. Reo farango naho
fitohizany reo tsangatsangane le volafoty.[13]Ty kianja avao kea le dimampolo metatse ty halavane ao amy ty lafine
atignana. [14]Reo fefe lamba ho ahy ty agnila ty fiziliha le dimy amby ty folo metatse ty halavane. Misy
tsangatsangane telo miarake amy ty fadiane telo reo. [15]Teo amy ty agnila ty fiziliha ty kianja avao kea le nisy fefe
lamba dimampolo metatse ty halavane, miarake amy ty tsangatsansane telo naho fadiane telo. [16]Reo fefe lamba
iaby magnodidy ty kianja le namboare tamy ty rongone fote malinike.[17]Ty fandia reo tsangatsangane le namboare
tamy ty samba. Reo farango naho reo fitohiza ho ahy reo tsangatsangane le namboare tamy ty volafoty, vaho ty
fandombofa ho ahy reo tsifa ty tsangatsangane avao keanamboare tamy ty volafoty. Reo tsangatsanga ty kianja
oaby le nirakofa tamy ty volafoty. [18]Ty lamba teo amy ty vavahady ty kianja le roepolo mettsa ty halavane. Ty
lambane le namboary tamy ty bole, volomparasy, naho rongone jaky, rongone foty malinike vita rare, vaho
roapolo metatse ty halavane. Zane le roapolo metatse ty halavane vaho dimy metatse ty habeine, manahake reo
lamba ty kianja. [19]Nisy fadiane samba efatse naho farango volafoty zane. Ty fandrakofa ho ahy reo tsifane naho ty
fitohiza zane le namboare tamy ty volafoty. [20]Ty fihantogna ty lay iaby ho ahy ty tabernakele naho ty kianja le
natao tamy ty samba.[21]Zao ro lisitsy ty mikasike ty tabernakele, ty tabernakely ty lalàgna ty fagnekegna, nala
arake reo toromarike ndre Mosesy zane. Zane le asany reo Levita teo ambane fitariha ndre Itamara nandahy
ndre Arona mpisoro. [22]Bezilila nandahy ndre Ory anandahy ndre Hora, bak'ao amy ty foko ndre Joda, le naboatse
raraha iaby ze nandilia Yaveh ahy ndre Mosesy. [23]oholiaba anandahy ndre Ahisamaka, bak'ao amy ty foko ndre
Dana, li niasa niarake tamy ndre Bezalila ho mpanao tenona amy ty bole, volomparasy, naho volo ty aondre jaky,
vaho rongone foty malinike.[24]Ty volamena iaby ze nampiasa tamy ty tetik'asa tamy ty asa iaby nifandrambe tamy
ty toera masy__ty volamena bak'amy ty fagnatitse ahelahela__le talenta roapolo sivy amby naho sekele 730,
voametatse tamy ty soa ty seskele masy. [25]Ty volafoty nomey ty fiangona le nilanja talenta zato vaho sekely 1.775,
arake ty sekely masy, [26]na beka raeke isa ndaty, ze antsasaky ty sekely, vita metatse tamy ty sekely masy. Reo
tarehimarike reo le nikasike ty fototsy ty ndaty kiraikiraike ze voaisake tamy ty fagnisam-bahoake, reo roapolo
tao ro ho miakatse__le lehilahy ty 603. 350 ty fiharoane.[27]Talenta volafoty zato ro natoa ho ahy reo fadiane ty
toera masy naho reo fadiane ty lamba: fadiane zato, vaho talenta raeke saky ty fadiane kiraikiraike iaby. [28]Tamy
ty amby ty sekely volafoty 1. 775, le namboatse farango ho ahyreo tsangatsangane re Bezalila, nandrakotse ty
tsifany reo tsangatsangane, vaho namboatse fitohiza ho ahy reo. [29]Ty samba bak'amy ty fagnatitse ahelahela le
nilanja talenta 70 vaho sekele 2. 400.[30]Tamy zane ro nagnamboarane reo fadiane ho ahy ty fizilihs mandeha agne
amy ty lay fiahogna, ty alitarasamba, ty fiasa iaby ho ahy ty alitara, [31]reo fadiane ho ahy ty kianja, reo fadiane ho
ahy ty fiziliha ty kianja, reo fihantogna ty lay iaby ho ahy ty tabernakely, vaho reo fihantogna ty lay iaby ho ahy ty
kianja.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 39

1Tamy ty lamba volo ty aondre bole, volomparasy, vaho jaky mena, le nagnamboatse ankanjo tenona matify ho
ahy ty fanompoa ao amy ty toera masy iareo. nagnamboatse akanjo ho ahy ndre Arona iareo ho ahy ty toera
masy arake ze nadilia Yaveh ahy ndre Mosesy.2Bezalila nagnambotase ty efoda tamy ty volamena, bole,
volomparasy, naho volo ty aondre jaky, vah tamy ty rongone foty malinike. Nitorotoroa iareo ty volamena vaho
3nitapatapahy iareo ho kofehe, soa hampiasa aiereo amy ty lamba bole, volomparasy, volo ty aondre jaky, vaho
rongone foty malinike, ze asa ty mpiasa maha raraha.4nagnamboatse sarom-tsoroke ho ahy ty efoda iareo, le
nampiarahy iareo teo amy reo zorone roe ambone zane. 5Vaho reo setira vita rare malinike le mitovy amy ty
efoda, zane le vita amy ty singa raeke bak'amy ty rongone vita rare malinike ze volamena, bole, volomparasy,
vaho jaky mena, arake ze nandilia yaveh ahy ndre Mosesy.6Namboary iareo ty vato berila, le nisarogna iareo
tamy ty talim-bolamena, le nisorata manahake ty fitombokase, vaho nisorata niarake tamy ty agnara reo folo roa
ambe lahy anak'Israely zane. 7vaho le napo ndre Bezalila teo amy ty saron-tsoroke ty efoda reo. Soa ho vato
fampahatiarova ahy Yaveh ty amy reo anak'Israely folo roa amby lahy, arake ty nandilia Yaveh ahy ndre Mosesy.
8Namboatse saron-tratra re, manahake ty nagnamboara ty efoda, ze asa ty mpiasa mahay raraha. Le namboarine
tamy ty volamena, bole, volomparasy naho volo ty aondre jaky, vahorongone foty malinike. 9Efa-jorozane. Vaho
zehe raeke ty halava zane vaho zehe raeke ty velarane.10Namboary iareo tamy ty fizanane efatse reo vato lafovily.
Ty fizarane voalohne le robia, topazy, vaho garnety. 11Ty fizarane faharoe le nisy emeralda, safira, vaho
diamondra. 12Ty fizarane fahatelo le nisy jasinta, agaty, vaho ametista. 13Ty fizarane fahaefatse le nisy berila,
oniksa, vaho jaspera. Le nasia talim-bolamena reo vato reo.14Nampirimy tamy ty agnara reo anak'Israely folo roe
ambe lahy reo vato, le nalahatse arake ty agnarane iaby zane. Manahake ty peratse fitoboke reo, vaho ty agnara
kiraikiraike iaby le nagnambara ty raike amy reo foko folo roe ambe. 15Nagnamboatse rojo manahake ty kofehe
teo amy ty saron-tratra iareo, ze tinaly tamy ty volamena tsy miharo. 16nagnamboatse mason-tsilisily roe naho
talim-bolamena roe iareo, vaho napo iareo teo amy ty zoro ty saron-tratra roe reo mason-tsilisily roe.17Napo iareo
tamy iaze mason-tsilisily roe iaze talim-bolamena roe teo an-jprp reo saron-tratra. 18Napo iareo teo amy ty talim-
bolamena ty silisily roe vita taly. Le napo iareo teo amy ty saron-tsoroke ty efoda iaby teo agnoloane zane.
19Nagnamboatse mason-tsilisily volamena roe iareo vaho napetane tamy ty zoro ty saron-tratra hafa roe zane, teo
amy ty sisine agnila ty zorone agnatine. 20nagnamboatse masom-tsilisily volamena roe hafa avao kea iareo vaho
natao iareo teo amy ty sisy ty saron-tsoroke roe iaby teo agnoloa ty efoda zane, teo agnila ty zaitse ambony ty
setira vita rare ty efoda21Narohy iareo niarake tamy ty kofehy bole tamy ty alala ty mason-tsilisiline teo amy ty
mason-tsilisily ty efoda ty saron-tratra. Namboara zane soa tsy hiombotse amy ty efoda ty saron-tratra. Arake ty
nandilia Yaveh ahy ty Mosesy.22namboare ndre Bezalila tamy ty lamba volomparasy iaby ty akanjo efoda, ze asa
ty mpandrare. 23Vaho nisy fitsofoan-doha eo ampagnivoane. Nisy rare teo amy ty magnodide ty fisokafane soa tsy
ho tatake. 24Nagnambora iareo langobein-dagnitse vita amy ty kofehe bole, volomparasy, jaky mena, vaho
rongone foty malinike, teo amy ty sisin-tombone.25Nagnamboatse lakolosy volamena tsy mifangaro iareo, vaho
napo iareo teo agnelagnela ty longorobein-dagnitse magnodidy ty sisy ty sisintombone iaze akanjo,
mifagnelagnela amy reo apongabei-dagnitse__26lakolosy le apongabein-dagnitse, lakolosy le longorobein-
dagnitse__teo amy ty sisy ty akanjo ho ahy ndre Arona soa hanompoanne ao. Zane le arake ty nadilia Yaveh ahy
ndre mosesy.27Namboary iareo ho ahy ndre Arona naho reo anane iaze akanjo rongone foty malinike.
28Namboatse ty hamama rongone foty malinike, ty fehe loha rongone fote malinike, naho ty satroke vita amy ty
rongone fote malinike 29vaho kofehe bole, volomparasy, vaho jaky mena, ho asa ty mpanao peta-kofehe iareo.
Zane le arake ty nandilia Yaveh ahy ndre Mosesy.30Le nagnamboatse ty takela-bolamena tsy mifangaro ty satro-
boninahitsy masy iareo; le nisorata iareo tamy zane manahake ty soratse eo amy ty fitombokase rihoe: "Masy ho
ahy Yaveh. 31Le nipetaha iareo kofehe bole teo amy ambone iaze hamama. Le arake ty nandilia Yaveh ahy ndre
Mosesy zane.32Kea le vita ty asa fagnamboara tabernakely, iaze ajomba lay fihaogna. Namboary ty vahoake ty
Israely ty zaka_iaby. Narahy iareo ty torolala iaby ze nomey Yaveh ahy ndre Mosesy. 33Nandesy iareo tamy ndre
Mosesy iaze tabernakely__ty lay naho reo fiasane iaby, ty jiangrafine, ty tafine, ty barane, ty tsangatsangane, ty
fadiane, 34ty fandraofa vita amy ty angozy lambodriake, vaho ty lamba amonia 35ty tomobily ty vavolombelo, vaho
kea ty bao naho ty sarognam-pamonjea.36Nandesy iareo ty latabatse, ty fanake iaby, naho ty mofo ty fagnatreha;
37ty fanaovan-jiro volamena tsy mifangaro vaho reo jiro tao amy ty toerane, miarake amy reo fiasane naho reo
solike fatao amy ty jiro; 38ty alitara volamena, ty menake fagnosora naho ty liten-ketae magnim-pofo, ty fefe
lamba ty fiziliha ao amy ty tabernakely; 39ty alitara samba miarake amy ty samba makarakarane naho ty baone
vaho ty fanake naho ty koveta bey miarake amy ty fadiane.40Nandesy iareo ty fefe lamba ho ahy ty kianja miarake
amy ty tsangatsangane naho ty fadiane; vaho ty lamba ho ahy ty fiziliha eo an-kianja; reo taly naho ty fihantogna


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

ty lay; vaho ty fitaovam-piasa iaby andesy hanompoa ty tabernakely, ty ajomba lay fihaogna. 41 Nandesy iareo ty
akanjo vita rare soa hanompoa ao amy ty toera masy, ty akanjo masy ho ahy ndre Arona mpisoro, naho reo
anandahine soa hanompoa iareo ho mpisoro. 42 Noho zane le namboary reo vahoake ty Israely iaby ty asa iaby
arake ze nandilia Yaveh ahy ndre Mosesy. 43 Nandinike reo asa iaby re Mosesy, vaho ingo, vita iareo zane. Arake ze
nandiliaa Yaveh, le manahake zane ty fomba nagnamboara iareo zane, vaho le nitsipi-rano aiereo Mosesy

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 40

[1]Vaho Yaveh nitsara tamy ndre Mosesy vaho nanao tihoe re: [2]"Amy ty andro voaloha ty tao vaovao le tsy maintse
hatsanganao ty tabernakele, ty lay fihaogna.[3]Apoho ao amy zane ty tomobily y vavolombelo, vaho lonike
harovanao amy ty lamba ty tomobily. [4]Andeso eo amy ty latabatse vaho alaharo reo raraha ze tokone ho amy
zane. Le andeso ty fisian-jiro vaho apoho reo jiro.[5]Apoho magnoloa ty tomobile ty vavolombelo ty alitara
volamena ze misy ty liten-ketae magnitse, vaho apoho ty lamba eo amy ty fiziliha ty tabernakely. [6]Apoho eo
agnoloa fiziliha mandeha ao amy ty tabernakely, iaze lay fihaogna, ty alitara ty fagnititse oroa. [7]Apoho eo
agnelagnela ty lay fihaogna naho ty alitara ty koveta bey vaho asio rano ao ampone.[8]Atsangano magnodidy zane
ty kianja, vaho ahantone eo amy ty fiziliha ty kianja ty lamba. [9]Ka alao ty menake fagnosora vaho hosory ty
tabernakely naho ty raraha iaby ao ampoe. Atokano ho Ahike zane naho ty fanake iaby, le ho masy zane. [10]Hosoro
ty alitara ty fagnatitse oroa naho fanake zane iaby. Atokano ho Ahike ty alitara vaho vatane ho masy ho Ahike
zane. [11]Hosoro ty kovetabey samba naho fadiane zane vaho atokao ho Ahike.[12]Ho andesinao re Arona naho reo
anandahine ho eo amy ty fiziliha ty lay fihaoga vaho sasao amy ty rano iareo. [13]Ho sikinanao amy reo akanjone ze
natoka ho Ahike re Arona, hosoro re vaho atokao soa hnompo ho mpisoroko.[14]Ho andesinao reo anandahine vaho
ampisikio akajo lava iareo. [15]Hosoro maahake nagnosorannao ty raene iareo soa hanompo Ahike ho mpisoro. Ty
fagnosora aiereo le hahaavy aiareo ho fisorogna maharitse hatramy reo taranane farane hisolo." [16]Zao ro raraha
namboary ndre Mosesy; narahine iaby ze fa nandilia Yaveh aze. Nanoene zane raraha iaby zane.[17]Vaho le
voatsanga tamy ty andro voalohane vola voalohane tamy ty tao faharoe ty tabernakely. [18]Nampitsanga ty
tabernakely re Mosesy, nametrake ty fadia zane tamy ty teorane, nampitsanga ty rafitsy zane, nampiaharo ty
barane, vaho nampitsaga reo fiankina aho reo tsangatsanga zane. [19]Naelene feno ty tabernakele ty fabdrakofa
vaho napone magnera zane ty lay, arake ty fa nandilia Yaveh aze. [20]Nalae ty lily ty fagnekea vaho napone tao
ampo ty tomobile reo. Napipoke bao teo amy ty tomobily avao kea re, vaho le napipoke ty sarom-pagnavota teo
amy zane.[21]Nampitsaga lamba ho ahy zane reo soa hiaro ty tomobily ty vavolombelo, arake ty nandilia Yaveh aze.
[22]Napone tao ampo iaze lay fihaogna ty latabatse, le teo amy ty ilana avaratse iaze tabernakely, ambalike ty
lamba. [23] Nalahatsine teo ambone latabatse teo agoloa Yaveh ty mofo, arake ty fa nandilia Yaveh aze.[24]Napone tao
ampo lay fahaogna ty fagnisian-jiro, tandrife ty latabatse, teo amy ty lafine atimo ty tabernakele. [25]Nampirehitse
ty jiro teo agnatreha Yaveh re, arake ty fa nandilia Yaveh aze.[26]Napone tao amy ty lay fhaogna magnoloa ty lamba
ty alitara volamena misy liten-ketae magnitse. [27]Nagnoro liten-ketae magnitse teo amy zane re, arake fa nandilia
Yaveh aze.[28]Nahantone teo amy ty fiziliha teo amy ty tabernakely ty lamba. [29]Napone teo amy ty fiziliha ty
tabernakely, iaze lay fuhaogna, ty alitara ty fagnatitse oroa. Nagnome fagnatitse oroa naho vare ho fagnatitse teo
amy zane re, arake ty fa nandilia Yaveh aze. [30]Napone teo agnelagnela ty lay fihaogna aho ty alitara ty kovetabey,
vaho nasiane rano tao ampo zane soa hisasa.[31]Mosesy, Arona naho reo anandahine nanasa ty tagnane naho ty
tombo iareo tao amy ty kovetabey [32]na ombia na ombia handehana iareo ao amy iaze lay fihaogna, vaho na
ombia na ombia hiakara iareo eo amy ty alitara. Nanasa ty vatane iareo, arake ty fa nandilia Yaveh ahy ndre
Mosesy. [33]Nananga ty kianja nagnodidy ty tabernakele naho ty alitara re Mosesy. Nampitsanga ty lamba teo amy
ty fiziliha ty kianja re. Zane ty fomba nahavita ndre Mosesy ty asa.[34]Le ty hiboke nandrakotse ty lay fihaogna,
vaho ty hasy Yaveh nameno ty tabernakely. [35]Tsy afake nitsofoke tao amy iaze lay fihaogna re Mosesy satria ty
hiboke fa nitoboke tao amy zane, vaho satria ty hasy Yaveh nameno ty tabernakely.[36]Na ombia na ombia ro
niakara ty hiboke bak'ao amy ty tabernakely, ty vahoake ty Israely le niala tamy ty lia iareo. [37]Te laha tsy niakatse
bak'ao amy ty tabernakely ty hiboke, le tsy nandeha ty vahoake. Nijano teo iareo hatramy ty andro ze nisondrota
zane. [38]Te ty hiboke Yaveh le teo ambony ty tabernakely ty andro, vaho ty afone teo amy zane lafa halike, teo amy
ty maso ty vahoake ty Israely iaby agnate ty lia iareo

# Leviticus

Chapter 1

[1]Nikaike ahy ndre Mosesy Yaveh vaho nitsara tamine bak'ao amy ty ajomba fihaogna, nanao tihoe: [2]"Mirehafa
amy ty vahoagn'Israely le talilio amy iareo tihoe: 'Laha misy ndaty aminareo manday fagnatitse ho ahy Yaveh, le
mandesa raike amy ty bibinareo ho fagnatitsareo, na bak'amy ty aombe na bak'amy ty aondre amy ty aose.[3]Laha
fagnatitse oroa bak,amy ty aombe ty fagnatine, le tsy maintse lahy tsy misy handra ro omeine. Hagnomey zane eo
amy ty fiantsa mandeha ao amy ty ajomba-lay fihaogna re, soa ho ankasitaha eo agnatreha Yaveh zane.
[4]Hametrake ty tagnane eo amy ty loha ty fagnatitse oroane reke, vaho le ho tea noho ty amine zane soa ho

fagnavota ho aze.[5]Le lonike re hamono ty aombelahy eo agnoloa Yaveh. Reo ana ndre Arona, reo mpisoro, le
hagnaomey lio vaho hamitsiky zane eo amy ty alitara zay eo amy ty fiziliha mandeha ao amy ty lay fihaogna. [6]Le
lonike re hamono ty fagnatitse oroa vaho hitetitetike zane.[7]Le handrehitse afo eo amy ty alitara vaho hagnisy
hetae le hampirehitse ty afo reo ana ndre Arona. [8]Reo ana ndre Arona, reo mpisoro, le hametrake reo tetike, ty
lohane naho ty saborane, halahatse eo ambone ty ketae zay fa mirehitse eo ambony ty alitara. [9]Te ty zaka agnaine
naho ty feine le tsy maintse ho sasane amy ty rano. Le hagnoro ty raraha iaby eo amy ty alitara ho fagnatitse oroa
ty mpisoro. Hiterake hagnitse soa ho Ahike zane; ho fagnatitse natao tamy ty afo ho Ahike zane.[10]Laha bak'amy ty
aondre amy ty aose ty fagnatine ho amy ty fagnatitse oroa, le ty raike amy reo aondre na raike amy reo aose, le
tsy maintse lahy tsy misy handra ro omeine. [11]Lonike hamono zane eo amy ty lafy avaratse ty alitara eo agnatreha
Yaveh re. Reo ana ndre Arona, reo mpisoro, le hamitsiky lio zane amy ty lafy ty alitara iaby.[12]Le lonike re hitetike
zane, miarake amy ty lohane naho ty saborane, vaho ty mpisoro le handahtse reo eo amy ty ketae fa mirehitse,
zay eo ambony ty alitara, [13]nefa lonike ho sasàne amy ty rano ty zaka agnainenaho ty feine. Le hagnomey aze iaby
ty mpisoro, vaho hagnoro zane eo amy ty alitara. Zane ro fagnatitse oroa, vaho hiterake hagnitse soa ho ahy
Yaveh zane; ho fagnatitse natao tamy ty afo ho Aze zane.[14]Laha fagnatitse oroa voro ty faty fagnatine ho ahy
Yaveh, le tsy maintse manday na domoina na ana-boromailala ho fagnatine re. [15]Tsy maintse manday zane eo
amy ty alitara ty mpisoro, manapake ty lohane, vaho magnoro zane eo amy ty alitara. Vaho le ararake eo amy ty
alitara ty lio zane.[16]Tsy maintse ho afahane ty takorobabo zane naho ty zaka ao ampone, vaho hariane agnila ty
alitara eo atignana zane, eo amy ty toera reo lavenoke. [17]Tsy maintse hanokatse zane bak'eo amy ty elane re, nefa
tsy azo zaraine ho roe zane, Le hagnoro zane eo amy ty alitara ty mpisoro, eo amy ty ketae fa mirehitse. Ho
fagntitse oroa zane, vah hiterake hagnitse soa ho ahy Yaveh zane; ho fagnatitse natao tamy ty afo ho Aze zane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

1 Laha misy manday fagnatitse voa ho ahy Yaveh, le lonike ho koba soa lisa ty fagnatine, vaho hagnily menaky eo
amy zane naho hametrake liten-ketae magnitse eo ammy zane re. 2 Handay ty fagnatitse eo amy reo mpisoro ana
ndre Arona re, le hangalake koba soa lisa feno ty tagna miarake amy ty menake naho liten-ketae magnitse eo amy
zane ty mpisoro. Le hagnoro ty fagnatitse eo amy ty alitara ho fagnati-pahatiarova ty mpisoro. Hampiboake
hagnitse soa ho ahy Yaveh zane; ho fagnatitse natao tamy ty afo ho Aze. 3 Zay iaby tavela amy reo fagnatitse
hohane le ho ahy ndre Arona naho reo anandahine. Masy vantane bak'amy reo fagnntitse ho ahy Yaveh natao
tamy ty afo ho ahy Yaveh zane. 4 Laha magnomey fagnatitse voa tsy misy lalivay zay niketrehy tamy ty lafaoro
iriha, le lonike ho mofo maleme vita tamy ty koba soa lisa miharo menake zane, ne mofo mafy tsy misy lalivay,
zay vaohosotse menake. 5 Laha niketrehy tamy ty lasitse vy mpisake ty fagnatitse voa, le lonike ho avy amy ty soa
lisa tsy misy lalivay zay mihsro menake zane. 6 Hozarainao zane vaho hagnilignanao menake eo amine. Zane ro
fagnatitse oroa. 7 Laha neketrihy tamy ty lasittse ty fagnatitse voa anao, le lonike atao amy ty koba soa lisa naho
menake zane. 8 Lonike handay fagnatitse voa natao tamy reo raraha reo ho ahy Yaveh iriha, vaho zane le homea
eo amy ty mpisoro, zay handay zane eo amy ty alitara. 9 Bak'eo le hangalake sasane amy ty fagnatitse amy ty voa
ho fagnati-pahatiarova ty mpisoro, vaho hagnoro zane eo amy ty alitara re. Ho fagnatitse natao tamy ty afo zane,
vaho hahaavy hagnitse sitrake ho ahy Yaveh. 10 Zay amby ty fagnatitse hohane le ho ahy ndre Arona naho reo
anandahine. Masy le masy bak'amy ty fagnatitse atao amy ty afo ho ahy Yaveh zane. 11 Tsy hisy fagnatitse voa
homeinao ho ahy Yaveh le hisy lalivay, satria tsy tokone hagnoro masirasiraa, na tantele, ho fagnatitse natao
tamy ty afo ho ahy Yaveh iriha. 12 Hagnomey reo ho fagnatitse voaloham-bokatse ho ahy Yaveh iriha, feie tsy
hampiasa hamoaha hagnitse soa eo amy ty alitara reo. 13 Lonike hagnomey tsiro ty kiraikiraike amy ty fagnatitse
voa amy ty sira iriha. Lonike tsy ho alignonao vantane amy ty fagnatitse voa ty sira ty fagnekea ty
Andragnaharenao. Magnomeza sira amy reo fagnatitsao iaby. 14 Laha magnomey fagnatitse voa amy ty voaloham-
bokatse ho ahy Yaveh iriha, le magnomeza voa vaovao zay natono tamy ty afo naho nipotehy ho mahatajake
bak'eo. 15 Le lonike hagnisy menake naho liten-ketae magnitse ao amy zane iriha. Zane ro fagnatitse voa. 16 Vaho
hagnoro ty sasane ty voa voalisa naho menake vaho liten-ketae magnitse ho fagnati-pahatiarova ty mpisoro,.
Zane ro fagnatitse natao tamy ty afo ho ahy Yaveh.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 3

[1]Laha misy ndaty magnomey soro, zay fagnati-pilongoa amy ty raike amy reo biby bak'amy ty andian'aombe, na
lahy na vave, le lonike re hagnomey biby tsy nisy handra eo agnoloa Yaveh. [2]Hametrake ty tagnane eo an-doha ty
fagnatine re vaho hamono zane eo ambavaravara ty lay fihaogna. Vaho reo anandahy ndre Arona mpisoro
hamitsike ty lio zane amy reo lafy ty alitara.[3]Hagnomey soro ty fagnati-pilongoa amy ty afo ho ahy yaveh iaze
lehilahy. Ty sabora zay mandrakotse na mifandray amy ty zaka agnaine, [4]naho reo voa roa naho ty sabora zay eo
amy iareo amy ty alala ty valahane, vaho ty ila ty atine, miarake amy ty voane__le ho afahane zane iaby zane.
[5]Reo anandahy ndre Arona le hagnoro zane eo ambony ty alitara miarake amy ty fagnatitse oroa zay ambony
ketay famirehitse. Hamoake hagnitse moramora ho ahy Yaveh zane; ho fagnatitse oroa natao ho Aze amy ty alala
ty afo zane.[6]Laha ohatsy bak'amy ty aondre amy ty aose ro soro ty fagnati-pilongoa iaze lehilahy ho ahy Yaveh; na
lahy na vavy, le tsy maintse magnomey soro tsy misy handra re. [7]Laha magnomey anak'aondre ho ataone soro re,
le tsy maintse omeine eo agnoloa Yaveh zane. [8]hametrake ty tagnane eo an-doha ty sorone naho hamono zane eo
agnoloa ty lay fihaogna re. Vaho hamitsike ty lione amy ty sisy ty alitara reo anandahy ndre Arona.[9]Hagnomey ty
soro ty fagnati-pilongoa ho fagnatitse natao tamy ty afo ho ahy Yaveh iaze lehilahy. Ty sabora, ty rambo vondrake
iaby le hotapahy marinike ty taolan-dombosine, vaho ty sabora zay mandrkotse reo zaka agnaine naho reo
sabora iaby zay marinike reo zaka agnaine, [10]vaho reo voa roa naho ty sabora zao ao apo reo, zay ao ampo ty
valahine, vaho ty ila-atine, miarake amy reo voa__le hafahane zane iaby zane. [11]Le hangnoro zane iaby zane eo
amy ty alitara ho fagnatitse oroa hatavae ho ahy Yaveh ty mpisoro.[12]Laha ohatsy ke aoselahy ro fagnatits'iaze
lehilahy, le hagnomey zane eo agnoloa Yaveh re. [13]Loniuke re hametrake ty tagnane eo an-doha ty aoselahy vaho
hamono zane magnoloa ty lay fihaogna. Le hamafy ty lio zane amy ty lafy ty alitara reo anandahy ndre Arona.
[14]Hagnomey ty sorone natao tamy ty afo ho ahy Yaveh iaze lehilahy. Hagnafake ty sabora zay mandrakotse reo
faritse agnate re, vaho ty sabora iaby marinike reo faritse agnate.[15]Hagnafake ty voa roe naho reo sabora zay
miarake amy reo reke, zay marinike ty valahy, vaho ty ila-atine miarake amy ty voa. [16]Hangnoro zane iaby zane
eo ambony alitara ho fagnatitse hotave natao tamy ty afo ty mpisoro, soa hamoake hagnitse moramora. Ahy Yave
ty sabora iaby. [17]Ho lalàgna zisikam-parane eo amy ty taranakareo fara mandimby amy zay toera iaby
hitobohanreo zane, le lonike tsy hitava sabora na lio nareo."'

Chapter 4

[1]Nitsara tamy ndre Mosesy Yaveh nanao tihoe: [2]"Talilio ty vahoagn'Israely tihoe: 'Laha misy ndaty manao rate
nefa tsy nagniry ty hanao rate, nanao reo zaka zay nandilia Yaveh soa tsy ho atao, vaho laha manao raraha zay
voarara re, le tsy maintse atao reto magnarakje reto. [3]Laha ohatse le ty mpisorobey ro manao rate le manday
fagnameloha eo amy ty vahoake, le lonike re hagnomey vantots,aombe lahy tsy misy handra ho ahy Yaveh ho
fagnatitse noho ty haratia.[4]Lonike re handay aombe lahy eo amy ty fiziliha ty ajomba ao amy ty ly fihoagno eo
agnatreha Yaveh, Hametrake ty tagnane eo amy ty lohane, vaho haomno iaze aombelhy eo agnatreha Yaveh. [5]Iaze
mpisoro voahosotse le hangalake sombine amy ty lione iaze aombekahy vaho handay zane ho ao amy ty lay
fihaogna.[6]Hampitsoboke ty tagnane ao amy iaze lio iaze mpisoro le hamitsike im-pito bak'amy zane eo agnatreha
Yaveh, eo agnaolo ty lamba ty fitoera masy loatse. [7]Bak'eo amy reo tsifa iaze alitara ty liten-ketae magnitse eo
agnatreha Yaveh, zay ao amy ty lay fihaogna, vaho hagnily ty sisa iaby ambony ty lio iaze aombelahy agne amy ty
fagnambany iaze alitara re ho fagnatitse oroa, zay eo amy ty fiziliha ty lay fihaogna.[8]Hagalake ty sabora iaby amy
iaze aombe atao fagnatitse noho ty haratia re; iaze sabora zay mandrakotse ty faritse agnatine, ty sabora iaby zay
mipitike amy ty faritse agnaty, [9]reo voane roa naho ty sabora zay eo amy reo, zay marinike ty valahane, vaho ty
ila-atine, miarake amy reo voa__hagalake zane iaby zane Re. [10]Hafahane iaby zane iaby zane, manahake ty
nagnafahane zane tamy iaze aombe natao soro ty fagnati-pilongoa. Bak'eo iaze mpisoro le hagnoro reo ialane reo
eo amy ty alitara ho fagnatitse oroa.[11]Ty angozy iaze aombe naho zay hena tavela, miarake amy ty lohane naho
reo tongone vaho reo tao agnatine naho ty zezine, [12]ty ambany ty vata iaze aombey iaby__handesine ambaliky ty
kianja iaby reo ampahane reo ho agne amy iaze toera zay fa niliovy iareo ho Ahike, zay nangnilagna iareo
lavenoke; hangnoro reo ampahanane reo eo ambony ty ketay iareo. Lonike reo ampahane reo ho oroa iareo eo
amy iaze nangnilagna iareo lavenoke.[13]Laha manao rate tsy asany aze ty fiangona ty Israely iaby, vaho tsy
mahaya ty fiangona te nanao rate iareo vaho nanao zay nandrara Yaveh tsy ho atao, vaho laha meloke iareo,
[14]lafa hay ty haratia iareo, le loniek ty fiangona hagnomey vantats'aombe ho fagnatitse noho ty haratia vaho
handay zane eo agnoloa ty ajomba lay fihaogna. [15]Reo loholo ty fiangona le hametrake ty tagna iareo eo amy ty
laoha iaze aombe agnaoloa Yaveh, vaho ho voano eo agnoloa Yaveh iaze aombe lahy.[16]Ty mpisoro voahosotse le
handay sombine amy iaze lio iaze aombe ho agne amy ty ajomba lay fihaogna, [17]vaho hapitsoboke ty tagnane ao
amy iaze lio vaho hamitsiky zane im-pito eo agnolo Yaveh, eo agnoloa iaze lamba.[18]Hagnosotse sombine amy iaze
lio eo amy reto tsifa ty alitara zay eo agnaolo Yaveh re, zay ao amy ty ajomba lay fihaogna, vaho hangnily iaze lio
iaby eo amy ty fagnambany ty alitara ho fagnatitse oroa, zay eo amy ty fiziliha ty ajomba lay fihaogna. [19]Hagalake
ty sabora iaby eo amy zane re vaho hagnoro zane eo amy ty alitara.[20]Zane ro lonike ataone amy iaze aombe.
Manahake ty fa nataone tamy iaze aombe natao fagnatitse noho ty haratia, ro ho ataoane amy io aombe io, vaho
iaze mpisoro le hanao fagnavota ho ahy ty vahoaken le ho vaovela iareo. [21]Hondesy ambaliky ty kianjy iaze
aombe vaho hagnoro zane manahake ty nagnoroane iaze aomby voalohane re. Zane ro fagnatitse noho ty haratia
ho ahy ty fiangona.[22]Lafa manao rate tsy asa aze ty mpanapake, amy ty fanaova ty raike amy raike amy reo
raraha iaby zay nandilia Yaveh soa tsy anoe, le meloke re, [23]le hampahafantarine aze ty haratia zay nataone,
lonike re handay aose, aoselahy tsy misy handra ho sorone.[24]Hametrake ty tagnane eo amy ty loha iaze aose re
vaho hamono zane eo amy ty toera zay namonoa iareo ty fagnatitse oroa eo agnoloa Yaveh. Fagnatitse noho ty
haratia zane. [25]Ty mpisoro le hangalake iaze lio iaze fagnatitse noho ty haratia amy ty tagnane vaho hametrake
zane eo amy reo tsifa ty alitara ho fagnatitse oroa, vaho hangnily ty lio zane eo amy ty fagnambane ty alitara ty
fgnatitse oroa re.[26]Ho oroane eo amy iaze alitara ty sabora iaby, manahake iaze sabora tamy ty soro ty fagnati-
pilongoa. Ty mpisoro le hanao fagnavota ho ahy ty mpananake mahakasike ty haratiane, vaho le ho voavela iaze
mpanapake.[27]Laha misy raike amy reo sarambabeim-bahoake manao raty tsy asa aze, amy ty fanaova reo raraha
nandilia Yaveh aiereo tsy ho atao, vaho lafa haine ty helone, [28]le ho ampahafantary aze ty haratia zay nataone,
vaho nanday aose raike, oasevavy tsy misy handra ho sorone re, ho ahy ty haratia zay nataone.[29]Hametrake ty
tagnane eo amy ty loha iaze fagnatitse noho ty haratia re vaho hamono iaze fagnatitse oroa. [30]Ty mpisoro le
handraby sombine amy iaze lio amy ty tagnane vaho hametrake zane eo amy ty tsifa ty alitara ho fagnatitse oroa.
Hagnily ty amby iaze lio iaby iaby eo amy ty fagnambany ty alitara re.[31]Hangalake ty sabora iaby re, manahake ty
nagnafa ty sabora tamy ty soro ty fagnati-pilongoa. Ho oroa ty mpisoro eo amy ty alitara zane soa hamoake fofo
magnitse ho ahy Yaveh. Hanao fagnavota ho ahy iaze ndaty iaze mpisoro, vaho ho voavela re.[32]Laha manday
anak'aondre ho ataone soro ho fagnatitse noho ty haratia iaze lehilahy, le handay aondre vave tsy misy handra
re. [33]Hametrake ty tagnane eo amy ty loha iaze fagnatitse noho ty haratia re vaho hamono zane ho fagnatitse zay
hamonoa iareo ty fagnatitse oroa.[34]Ty mpisoro le hangalake ty sambone amy iaze lio ty fagnatitse noho ty haratia
amy ty rabon-tagnane vaho hametrake zane eo amy reo tsifa ty alitara ho fagnatitse oroa, vaho ho ailine eo amy

ty fagnambane ty alitara iaby ty lio zane. [35]Hangalake ty sabora iaby re, manahake ty nagnafaha ty sabora iaze anak'aondre tamy ty soro ty fagnati-pilongoa, vaho horoa ty mpisoro eo amy ty alitara eo ambony ty fagnatitse Yaveh natao tamy ty afo zane. Hanao fagnavota ho aze ty mpisoro noho ty haratia zay nataone, vaho ho voavela iaze lehilahy.

Chapter 5

[1]Laha misy ndaty raike manao raty satria tsy nitsanga re tamy ty raraha zay nipaiavy ty fitsanganane
vavolombelo, na fanahisake zane re na nahanjanje mikasike zane le ho tompon'andraikitse re. [2]Na laha misy
ndaty mikasike zay raraha fa voatoka ty Andragnahare ho maloto zane na ty faty ty biby fihare zay fa maty, na
biby milaly, na le tsy nandinike ty hikasike zane kea iaze ndaty, le maloto naho meloke re.[3]Na laha mikasike ty
fahalotoa ty ndaty raike, na ino na ino zane fahalotoa zane, vaho laha tsy mahay zane re, le ho meloke re lafa
mahay ty mikasike zane. [4]Na laha misy ndaty mifanta mafy amy ty sognine hanao rate, na hanao ty rate, na ino
na ino ifanta zane lehilahy zane mafy amy ty fifanta, na tsy mahay zane kea re, lafa mahay ty mikasike zane re, le
ho meloke, amy reo iaby reo.[5]Laha meloke amy zane iaby zane ty ndaty raike, le tsy maintse magneke zay heloke
uiaby nataone re. [6]Le lonike re handay fagnatitse noho ty heloke amy Yaveh noho ty faharatiane zay fa vitane,
bniby vave raike bak'amy ty aondre amy ty aosine, na ank'aondre na aose, ho ahy ty fagnatitse noho ty haratia,
vaho ty mpisoro le hanao fagnavota hoaze mikasike ty haratiane.[7]Laha ohatsy tsy mahavita mivily anak'aondre
re, le mahazo manday domoina roe na voromahilala vantone roe ho ahy Yaveh re ho fagnatitse noho ty heloke
noho ty haratiane, raike ho ahy ty fagnatitse noho ty haratia vaho raike hafa ho fagnatitse oroa. [8]Lonike re
handayreo agne amy ty mpisoro, zay hagnomey raike aloha ho ahy ty fagnatitse noho ty haratia__hanapake ty
loha zane re feie tsy hangalake zane iaby amy ty vatane. [9]Bak'eo le hamitsiky ampahane amy iaze lio ty fagnatitse
noho ty haratia eo amy ty ila ty alitara re, vaho hagnily ty sisa ty lio eo amy ty fangnambane ty alitara re. Zane ro
fagnatitse ro fagnatitse noho haratia.[10]Magnaraky zay le lonike re hagnomey ty voro faharoe ho fagnatitse oroa,
arake ty voafaritse tao amyreo torolalala, vaho hanao fagnavota ho aze noho ty haratia ze fa vita ty mpisoro, le ho
voavela ty helok'iaze ndaty.[11]Nefa laha ohatsy tsy mahatakatse domoina roe na voromahilala roe re, ho soro noho
ty fahotane le lonike re handay ampahafolo efaha amy ty koba soa lisa ho ahy ty fagnatitse noho ty haratia.
Lonike r e tsy hagnisy menake na liten-ketae magnitse amy zane, satria fagntitse noho ty haratia zane.[12]Lonike re
handay zane agne amy ty mpisoro, vaho hangalake tagna raike amy zane ty mpisoro ho fagnati-pahatiarova vaho
bak'eo handoro zane eo amy ty alitara, eo ambony reo fagnatitse natao tamy ty afo ho ahy Yaveh. Zane ro
fagnatitse noho ty haratia. [13]Hanao fagnavaha ho ahy zay faharatia vita ty ndaty ty mpisoro, vaho le ho voavela
zane ndaty zane. Reo sisa bak'amy ty fagnatitse le ho ahy ty mpisoro, manahake ty amy ty fagnatitse voa.'"[14]Le
nitsara tamy ndre Mosesy Yaveh, nanao tihoe: [15]"Laha misy ndaty mandika lily naho manao rate reo raraha zay
ahy Yaveh, feie nanao zane tsy asany aze, le lonike re handay ty fagnatine noho ty heloke ho ahy Yaveh. Zane
fagnatitse zane le tsy maintse aondre lahy tsy misy handra bak'amy reo aondre miarake amy ty aose; ty lanja
zane le lonike ho vatoevattoe amy ty sekely volafoty__ty sekely ty fitoera masy__ho fagnatitse noho ty heloke.
[16]Lonike re hanao zay vitane mifandray amy ty masy, vaho lonike re hagnampy raike ampahadimy amy zane
vaho hagnomey zane ho ahy ty mpisoro. Le hanao fagnavaha ho aze amy ty aondrelahy ty fagnatitse noho ty
heloke ty mpisoro, le ho vaovela zane ndaty zane.[17]Laha misy ndaty manao raty naho manao zay zaka fa nadilia
Yaveh tsy ho atao, na le tsy nahay zay kea re, le mboe meloke re le tsy maintse hilanja ty helone avao. [18]Lonike re
handay aondre lahy raike tsy mana-kandra baka'amy reo aondre miarake amy aose, zay maeva ty tokone ho
viline, ho fagnatitse noho ty heloke ho ahy ty mpisoro. bak'eo le hanao fagnavaha ho aze mikasike ty haratia zay
fa vitane ty mpisoro, amy zay tsy nahaizane, le ho voavela re. [19]Zane ro fagnatitse noho ty heloke, vaho le meloke
vantane reo eo agnatreha Yaveh."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 6

[1]Nitsara tamy ndre Mosesy Yaveh, nanao tihoe: [2]"laha misy ndaty manao raty vaho mandika ty lalàgna manohitsy
ahy Yaveh, manahake ty tihoe mifagnarake ambalike miarake amy ty namane mikasike ty raraha ze nankiny
tamine, laha mamitake re na mandrava aze, na nampijaly aty namane, [3]na nahisake raraha zensria ty namane le
mavandy ty amy zane, vaho mifanta amy ty vande, na ty amy reo raraha manahake ty nanaovane rate ty ndaty,
[4]le, laha manao raty re le meloke, le tsy maintse hampimpoly zay iaby nalaine tamy ty alala ty fandrava na
fampijalea na nangalake zay nankiny tamine na raraha zery la hisake ndraike.[5]Na navande ty amy ty zaka-iaby
re, le tsy maintse hampimpoly iaby zane vaho tsy maintse hagnampe raike am-pahadimy hagnavaha amy ze
tompo zane, amy ty andro zay naha meloke aze. [6]Le tsy maintse handay ty fagnati-pagnavahane ho ahy Yaveh re:
aondre lahy tsy misy hnadra bak'amy ty aondre amy ty aose zay maeva ty vatovato ty viline, ho fagnati-
pagnavaha ho ahy ty mpisoro. [7]Hanao fagnavota ho aze eo agnoloa Yaveh ty mpisoro, vaho voavela amy zay iaby
nahaavy azy ho meloke amy ty nataone re."[8]Le nitsara tamy ndre Mosesy Yaveh, nanao tihoe: [9]"Lilio re Arona
naho reo anane talilio tihoe: 'Zao ro lalàgna ty fagnatitse oroa: Tsy maintse eo ambone toko ty alitara agnate ty
halike iaby zisike maraindray ty fagnatitse oroa, vaho ty afo ty alitara le havela hirehitse avao.[10]Hanao ty akanjo
rongone fote ty mpisoro, vaho hanao ty atin'akanjo rongone fotine kea re. Hankalgakae reo lavenoke zay tavela
tafara ty nandevagna ty afo ty fagnatitse oroa eo ambone alitara re, vaho hametrake reo lavenoke eo agnila ty
alitara. [11]Hangalake reo fisikina re vaho hampizilike reo akanjone hafa soa handay reo lavenoke hiboake ty
kianja ho agne amy ty toera zay malio.[12]Ty afo eo amy ty alitara le hapoke hirehitse avao. Loniek tsy hiboake
zane, vaho reo mpisoro le hagnoro hetae eo ambony zane sake-maraimdray. handamy ty fagnatitse oroa arake ze
take amy zay re, vaho hagnoro ty sabora ty fagnati-pilongoa re. [13]Apoke hirehitse eo ambone alitara zisikam-
parane ty afo. Lonike tsy hiboake zane.[14]Zao ro lalàgna ty fagnatitse voa. Hagnomey zane eo agnoloa Yaveh
magnoloa ty alitara anandahy ndre Arona. [15]Hangalake koba soa lisa feno ty tagna amy ty fagnatitse voa naho
amy ty menake vaho liten-ketae magnitse zay eo amobone ty fagnatitse voa ty mpisoro, vaho hangnoro zane eo
ambone alitara soa hampiboake fofo magnitse manahake ty fagnati-pahatiarova zane.[16]Hitava ze sisa amy ty
fagntitse ndre Arona naho reo anandahine. Tsy maintse hotavae tsy misy lalivay ao amy ty fitoera masy zane.
Hitava ao amy ty kianja ty ajomba-lay fiahaogna iareo. [17]Lonike tsy handrahoe miarake amy ty lalivay zane.
Nomeiko ho anjara iareo amy ty fagnatitso natao tamy ty afo zane. Masy loatse zane, manahake ty fagnatitse
noho ty haratia vaho fagnati-pagnavaha zane. [18]Te agnate reo fotoa iaby hiavia reo taranakao fara mandimby, reo
taranake lahy sasane bak'amy ndre Arona le lonike hitava zane manahake ty fizaràne, nala bak'amy reo
fagnatitsy Yaveh natao tamy ty afo. Na ia na ia mikasike zane le ho lasa masy.'"[19]Le nitsara tamy ndre Mosesy
ndraike Yaveh nanao tihoe: [20]"Zao ro fagnatitse ndre Arona naho reo anandahine, zay homey iareo ahy Yaveh
amy ty andro zay hagnosora reo anandahy iaby: ty ampahafolo ty efaha raike amy ty koba soa lisa ho fagnatitse
voa fatao mahazatse, antsasane amy zane amy ty maraindray vaho ty antsasane amy zane amy ty hariva.[21]Ho vita
amy ty menake agnate lasitse mofo zane. Lafa vonto menake zane, le ho andesinao mizilike. Voaende ro
hagnomezanao ty fagnatitse voa soa hamoake hagnitse mora mora ho ahy Yaveh. [22]Ty anandahy ty mpisorobey
zay lasa ho mpisorobey vaovao amy reo anandahine ro hagnomezane zane. Arake ty fa nandilia nanomboky zay,
le horoa ho ahy Yaveh iaby zane. [23]Ty fagnatitse voa ty mpisoro le ho oroa iaby. Lonike tsy hotavay zane."[24]Nitsra
tamy ndre Mosesy ndraike Yaveh, nanao tihoe: [25]"Mirehafa amy ndre Arona naho reo anandahine, manao tihoe:
"Zao lalàgna ty fagnatitse noho ty haratia: Ty fagnatitse noho ty haratia le tsy maintse vonoe eo amy ty toera zay
namonoa ty fagnatitse oroa eo agnolo Yaveh. Zane ro masy loatse. [26]Ty mpisoro zay hagnomey zane ho ahy ty
haratia le hitava zane. Tys maintse ao amy ty kianja ty ajomba-lay fihaogna zane.[27]Na ia na ia mikasike ty hena
zane le ho lasa masy, vaho laha misy lio mipitsike amy ty akanjo, le tsy maintse sasa agne amy ty toera masy ty
farirse ze nipitihane. [28]Te ty valagny tanimanga zay nampandeveze zane le hovakine. Laha nampandeveze tampo
valagne saba zane, le lonike hokosehy naho hosasa malio amy ty ranozane.[29]ty lehilahy sasane amy reo mpisoro
le mahazo moitava amy zane satria masy loatse zane. [30]Te laha misy fagnatitse noho ty haratia le andesy ao amy
ty ajomba-lay fihaogna soa hanaova fagnavaha ty lione le lonike tsy hotavae. Lonike horoa zane.

Chapter 7

[1]Zao ro lalàgna amy ty fagnatitse noho ty heloke. Zane ro masy loatse. [2]Lonike iareo hamono ty fagnatitse noho ty
heloke eo amy ty toera famonoa zane, vaho lonike iareo hanaparitake ty lio sake ty lafy ty alitara. [3]Ty Sabora iaby
eo amy zane le ho omea: ty rambo vodrake, ty sabora zay magnodidy ty ao ampone, [4]ty voa roe naho ty sabora eo
amy zane, ze marinike ty valahane, vahi zay mandrakotse ty aty, miarake amy reo voa__le lonike ho afaha iaby
zane iaby zane.[5]Lonike hagnoro reo faritse reo eo amy ty alitara ty mpisoro soa ho fagnatitse natao tamy ty afo ho
ahy Yaveh. Zane ro fagnatitse noho ty heloke. [6]Ty lehilahy kiraikiraike eo amy ty mpisoro le lonike hitava ty
ampahane amy io fagnatitse io. Lonike hotavae eo amy ty fitoera nasy zane satria masy loatse.[7]Manahake ty
fagnatitse noho ty heloke ty fagnatitse noho ty haratia. Mitovy ty lalàgna mihatse amy iareo. Reo le ahy ty
mpisoro zay manao fagnavaha amy iareo. [8]Ty mpisoro zay magnomey fagnatitse oroa ty ndaty le tokone hana ty
ankozy zane soro zane ho aze.[9]Ty fagnatitse voa iaby zay niketrehy tao ampo laforo, naho ty fagnatitse manahake
zane iaby zay nandesy tamy ty lasitse fagnendasa na niketrehy tamy ty lasitse fiketreha le ho ahy ty mpisoro zay
namey zane. [10]Ty fagnatitse voa iaby, na maike na nafangaro tamy ty menake, le ho ahy ty tarana ndre Arona iaby
avao kea.[1111]Zao ro lalàgna amy ty soro ty fagnati-pilongoa zay hamea ty ndaty ho ahy Yaveh. [12]Laha misy
magnatitse zane soa ho fagnomezam-pisaora, le lonike re hagnomey zane miarake amy ty soro ty mofo tsy misy
lalivay feie nafangarao tamy ty menake, yty mofo tsy misy lalivay, feie mihosotse menake, vaho ty mofo natao
tamy ty koba soa lisa zay nilaroy tamy ty menake.[13]Ao ampo ty tanjo ty fagnomezam-pisaora avao kea, le lonike re
hagnomey ampempa-mofo nasia lalivay miarake amy ty fagnati-pilongoane. [14]Loniek re hagnomey karazane
raike bak'amy reo soro reo ho fagnatitse haseho eo amy Yaveh. Ho ahy ty mpisoro zay nanaparitake ty lio ty
fagnati-pilongoa teoa amy ty alitara zane.[15]Lonike iaze ndaty zay maneho ty fagnati-pilongoa soa ho fagnomezam-
pisoro hitava ty hena ty fagnatitsine amy ty andro ty soro. Lonike tsy hapipoke sisa amy zane mandra-
pahamaraindray ty andro re. [16]Te laha ho amy ty sareke ty soro ty fagnatsine, na ho ahy ty fagnatitse an-tsitrapo,
le lonike hohany amy ty andro zay hagnaterane ty sorone ty hena, te na ino na ino mete ho sisa amy zane le azo
hane ty hamaray igny.[17]Na zane kea, na ino na ino hena ty soro taveka amy ty andro fahatelo le lonike ho oroa.
[18]Laha misy hena ty soro amy zay fagnati-pilongoa nihane amy ty andro fahatelo, le tsy ho inay zane, na ho tagna
zay nagnomey zane. Ho zaka mamparihy zane, vaho ty ndaty ze mihina zane le handay ty heloke ty otane.[19]Zay
hena mikasike raraha maloto le lonike tsy hohane. Lonike horoa zane. Ty amy ty sisa ty hena, le azo reo ndaty
malio hohane zane. [20]Na zane kea nefa, ze ndaty maloto mihina hena bak'amy ty soro ty fagnati-pilongoa ze ahy
Yaveh__le lonike zane ndaty zane afaha eo amy ty vahoakine.[21]Laha misy ndaty mikasike raraha maloto__na
fahalotoa ty ndaty, na biby maloto, na raraha maloto na mamparihy hafa, vaho laha mitava tamy iaze soro ty
fagnati-pilongoa zay ahy Yaveh re bak'eo, le lonike zane ndaty zane ho afaha eo amy ty vahoakane.'"[22]Vaho
nitsara tamy ndre Mosesy Yaveh, nanao tihoe: [23]"Mirehafa amy ty vahoagn'Israely vaho talilio tihoe: 'Lonike
nareo tsy hihina ty sabora ty aomby na aondre na aose. [24]Ty sabora ty biby zay maty tsy tamin-tsoro, na ty saboro
ty biby nirasarasa ty bibily, le azo ampisay amy ty raraha hafa, te lonike nareo tsy hihina zane vantane.[25]Na ia na
ia ndaty mitava ty sabora ty biby zay mete atao ty ndaty ho soro natao tamy ty afo ho ahy Yaveh, le lonike hafaha
amy ty vahoakane zane ndaty zane. [26]Lonike nareo tsy hitava lio na bak'amy ino na bak'amy ino ao ajombanareo,
na bak'amy voro zane na biby, [27]Na ia na ia mihina lio, le lonike ho afaha eo amy ty vahoakane zane ndaty
zane.'"[28]Kea niresake tamy ndre Mosesy Yaveh vaho nitsara tihoe: [29]" Miresafa amy ty vahoagn'Israely vaho talilio
tihoe: 'Lonike handay anjara soro ho ahy Yaveh zay magnatitse ty fagnatitsy sorom-pilongoa ho ahy Yaveh. [30]Ty
fagnatitse ho ahy Yaveh zay hatao amy ty afo, le lonike ty tagnane avao ro handay zane. Lonike re handay ty
sabora miarake amy ty aragnane, le lonike hahelahela ho fagnatitse ahelahela eo agnoloa Yaveh zane.[31]Lonike ty
mpisoro hagnoro ty sabora eo amy ty alitara, te ty tratrane le ahy ndre Arona naho reo taranane. [32]Lonike
homeinareo ty mpiosro ty feine havana ho fagntitse aseho ao amy ty soro ty fagnati-pilongoanareo.[33]Ty mpisoro,
raike amy reo tarana ndre Arona, ze magnomey ty lio ty fagnati-pilongoa naho ty sabora__le hahazo ty feine
havana re hanahake ty anjarane amy ty fagnatitse. [34]Te fa nira,besiko tamy ty vahoagn'Israely, ty tratra ty
fagnatitse ahelahela, naho ty feine zay fandrambesa anjara, vaho reo le nomea ahy ndre Arona mpisoro naho reo
anandahine ho anjara mahazatse ho aiereo.[35]Zane ro anjara ho ahy ndre Arona naho ty tarananе bak'amy ty
fagnatitse natao tamy ty afo ho ahy Yaveh, tamy ty andro zay nagnomeza ndre Mosesy aiereo soa hanompo ahy
Yaveh amy ty asa maha mpisoro. [36]Zane ro anjara zay nandilia Yaveh homey aiareo bak'amy ty vahoagn'Israely,
tamy ty andro nagnosorane ty mpisoro. Zane avao ro ho anjara iareo hatrammy ty tarana fara-mandimby.[37]Zane
ro lalàgna amy ty fagnatitse oroa, amy ty fagnatitse zoa, amy ty fagnatitse noho ty haratia, amy ty fagnatitse noho
ty heloke, ty fagnati-pilongoa, [38]zay fa nagnomeza Yaveh lily ahy ndre Mosesy teo am-bohitse Sinay tamy ty andro


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

zay nandiliane ty vahoagn'Israely soa hagnomey ty soro iareo ho ahy Yaveh tagne an-tane tsy misy raraha ndre Sinay.'"

Chapter 8

[1]Yaveh nitsara tamy ndre Mosesy, nanao tihoe: [2]"Alao re Arona naho reo anandahine miaraka amine, reo fisikina
naho menake fagnosora, ty aombe lahy ho ahy ty fagnatitse noho ty haratia, ty aondry lahy roe, vaho ty haro
fitoera-mofo tsy misy masirasira. [3]Aharo eo amy ty fiziliha ty ajomba-lay fihaogna ty fiangona iaby."[4]Le nanao
arake zay nandilia Yaveh aze re Mosesy vaho avy nivory teo amy ty fiziliha mandeha agne amy ty ajomba-lay
fihaogna ty fiangona. [5]Bak'eo nitsar tamy ty fiangona reo mosesy tihoe: "Zao ro nandilia Yaveh ho atao."[6]Nandesy
ndre Mosesy re Arona naho reo anandahine vaho nisasaene tamy ty rano iareo. [7]Nampanaovine ahy ndre Arona
ty akanjo lava naho nafehine teo amy ty andilane ty hetra, nampisikinane tohitegna re vaho nasiane efoda tegne
amine, vaho le nafehine teo amine ty efoda niarake tamy ty lamba voatonona malinike le nafehine tegne amine
zane.[8]Napone teo amine ty saro-tratra, vahi tao ampo iaze saro-tratra ro nasiane ty Orima naho ty Tomima.
[9]Napoke ty hamama teo amy ty lohane re, vaho tao ampo ty hamama, teo agnoloa, ro nagnisiane ty takela-
bolamena, naho ty diadema masy, arake ty nandilia Yaveh aze.[10]Nandrambe iaze menake fagnosora re Mosesy, le
nagnafake ty tabernakely naho zay iaby tao amine vaho nanoka rey ho ahy Yaveh. [11]Namitsiky ty menake teo amy
ty alitara impito re, vaho nagnosotse ty alitara naho reo fanake iaby tao ampone, vaho ty vondraky ty fandiane,
soa hanokana reo ahy Yaveh.[12]Nangnily ty sasane tamy ty menake fagnaosoro tamy ty loha ndre Arona re le
nagnosotse aze soa hanokana aze. [13]Nandesy ndre Mosesy reo anandahy ndre Arona vaho nampisikinane akanjo
lava iareo re vaho namogno lamba rangone fote tegne an-doha iareo, arake ty nandalia Yaveh aze.[14]Nanday ty
aombe lahy ho amy ty fagnatitse ty haratia re Mosesy, vaho Arona naho reo anandahine le napipoke ty tagna
iareo teo amy ty loha iaze aombelahy zay baka nandesy iareo ho amy ty fagnatitse noho ty haratia. [15]Nivonoane
zane, vaho nangalake ty lio naho nametake zane tamy ty tsifa ty alitara tamy ty fanondrone re, nadio ty alitara,
nandrarake ty lio teo amy ty fagnambany ty alitara, le nanoka zane ho ahy ty Andragnahare soa hanaovane
fagnavaha ho amy zane.[16]Nangalake ty sabora iaby zay tao ampone re, ty saron'aty, naho reo voa anankiroa vaho
ty saborane, vaho nagnoro reo teo amy ty alitara re Mosesy. [17]Te iaze aombe lahy, ty angozine, ty henane, naho ty
taindrorohane kea le noroane ambalike ty kianja, arake ty nandilia Yaveh aze.[18]Nagnomey ty aondrelahy ho amy
ty fagnatitse oroa reo Mosesy, vaho Arona naho reo anandahine le nametrake ty tagnane teo amy ty loha iaze
aondre lahy. [19]Nivonoane zane le nampitsiky magnodidy ty alfy ty alitara iaby ty lione.[20]Nitetehine iaze aondre
lahy vaho nagnoro ty lohane naho reo tsilane vaho ty saborane. [21]Nisasane tamy ty rano ty atine nbaho ty
tombone, vaho nagnoro ty aondre lahy iaby teo amy ty alitara re. Zane ro fagnatitse oroa vaho namoake hagnitse
soa soa zane, fagnatitse natao tamy ty afo ho ahy Yaveh arake ty nandilia Yaveh ahy ndre Mosesy.[22]Bak'eo le
nagnomey aondre lahy raike hafa re Mosesy, ty aondre lahy try fagnamasigna, vaho Arona naho reo anandahine
le napipoke ty tagnane tamy ty loha iaze aondrelahy. [23]Nivonoa ndre Arona zane, vaho nangalake tamy iaze lione
re Mosesy le nametrake zane tamy ty tsifa ty ravimbia ndre Arona ankavana, teo amy ty tondrobein-tagnane
ankavana, naho teo amy ty tondrobein-tombone ankavana. [24]Nandesine reo anandahine ndre Arona, vaho
nametrake sasane tamy iaze lio teo amy ty tendro ty ravimbia iareo havana, teo amy ty tondobei-tagnaiareo
ankavana, naho teo amy ty tondrobei-tombo iareo ankavana re. Bak'eo Mosesy namitsike ty lio zane magnodidy
ty lafy ty alitara iaby.[25]Nalane ty sabora, ty rambo vondrake, ty sabora iaby zay tao amone ty saron'aty, ty voa
anankiroa naho ty saborane, vaho ty feine havana. [26]Bak'amy ty vaha fitoera-mofo tsy misy lalivay zay teo
agnatreaha Yaveh, ro nangalane mofo tsy misy lalivay raike, vaho mofo voaisake menake, naho mofo matify,
vaho napipoke reo teo amy ty sabora naho teo amy ty fey havana. [27]Napone tegne an-tagna ndre Arona naho ty
tagnareo anandahine iaby reo vaho ahelahelane teo agnatreha yaveh reo soa ho fagnatitse ahelahela.[28]Le
nangalake reo tegne an-tagna iareo re Mosesy le nagnoro reo teo amy ty alitara ho amy ty fagnatitse oroa. Reo le
fagntitse fagnamasigna vaho namoake hagnitse soasoa. Zane ro fagnatitse natao tamy ty afo ho ahy Yaveh.
[29]Nandrambe ty tratra naho nahelahela zane ho fagnatitse ahelahela ho ahy Yaveh re Mosesy. Zane ro fizara ndre
Mosesy ty aondre lahy ho ahy ty fanokagna reo mpiosoro, arake ty nandilia Yaveh aze.[30]Nangalake tamy iaze
menake fagnosora naho ty lio zay teo amy ty alitara re Mosesy; namitsike reo tamy ndre Arona, tamy ty akanjone,
tamy reo anandahine, naho tamy ty akanjo reo andahine re. Manahake zane ro nanokanane ahy ndre Arona
naho ty akanjone, vaho reo anandahine naho ty akanjo iareo ho ahy Yaveh.[31]Le nitsara tamy ndre Arona naho reo
anandahine re Mosesy tihoe: "Ampandevezo eo amy ty fiziliha mandeha agne amy ty anjomba-lay fihaogna ty
hena, vaho tavao zane naho ty mofo zay ao ampo ty haro ty fagnamasigna, arake ty nandiliako, nanao tihoe:
'Hitava zane re Arona naho reo anandahine.' [32]Ze iaby sisa amy ty hena naho ty mofo le lonike horoanao. [33]Ko
miboake bak'eo amy ty fiziliha ty ajomba-lay fihaogna ao agnate ty fito andro nareo, mandra-pahavita reo andro
ty fanokana anareo. Te Yaveh ro hagnamasy anareo ao agnaty ty fito andro.[34]Zay fa natao androane__le nadilia
Yaveh ho vita soa hanaova fagnavaha ho anareo. [35]Hitoetse andro amy ty halike ao amy ty fizilia ty ajomba-lay


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

fihaogna agnate ty fito andro nareo, vaho hiamby ty lily Yaveh, soa tsy ho maty nareo, satria zane ro fa nandilia
ahike." [36]Le nanao reo raraha iaby ze nandilia Yaveh aze reo tamy ty alala ndre Mosesy re Arona naho reo
anandahine.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 9

[1]Tamy ty andro fahavalo le kinaike ndre Mosesy re Arona naho reo anandahine vaho reo ndaty bey ty Israely.
[2]Nitsara tamy ndre Arona re tihoe: "Mangalà anak'aomby bak'amy ty aomby maro ho fagnatitse nonh ty haratia,
vaho anak'aondre tsy misy handra ho fagnitse oroa, vaho homeo eo agnoloa Yaveh reo.[3]Lonike riha hirehake amy
ty vahoan'Israely le hanao tihoe: 'Mangalà aose lahy ho fagnatitse noho ty haratia vaho anak'aomby naho
anak'aondre. sambe herentao vaho tsy mana handra, ho ahy ty fagnatitse oroa; [4]mangalà avao kea aombe naho
aondre lahy ho ahy ty fagnti-pilongoa soa ho soro eo agnoloa Yaveh, vaho fagnatitse voa mifangaro amy ty
menake, satria hiseho aminao amy zao Yaveh."' [5]Kea nanday reo iaby ze nandilia ndre Mosesy ho ao amy ty
ajomba-lay fihaogna iareo, vcaho namonje reo fiangona ty Israely iaby vaho nitsanga teo agnoloa Yaveh.[6]Le
nitsara re Mosersy tihoe: "Zao ro nandilia Yaveh anareo hatao, soa hahazahoa ty hasine miseho aminareo."
[7]Nitsara tamy ndre Arona re Mosesy tihoe: "Mandehana eo agnila ty alitara vaho omeo ty fagnatitse noho ty
haratianao naho ty fagnatiste oroanao, manaova fagnavaha ho ahy ty vatanao naho ho ahy ty vahoake soa
hanaova fagnavaha ho aiereo ty soro, arake ze nandilia Yaveh."[8]Le nandeha agnila ty alitara re Arona vaho
namono ty anak'aombe ho fagnatitse noho ty haratia, zay ho ahy ty vatane. [9]Naseho reo anandahy ndre Arona
tamine iaze lio, vaho nampinjo ty rambon-tagnane tampo zane re vaho nametrake zane eo ambony ty tsifa ty
alitara; bak'eo le nagnisy ty lio teo amy ty fagnambany ty alitara re.[10]Na zane kea, nagnoro ty sabora, reo voa,
vaho reo sarok'aty teo amobne alitara ho fagnaitse noho ty haratia arake ty andilia Yaveh ahy ndre Mosesy re.
[11]Ty hena naho ty angozy le noroane teo ambaliky ty kianja.[12]Nivonao ndre Arona iaze fagnatitse oroa vaho
nomey ty anandahine aze ty lione,zay nahosone tegne amy ty lfy ty alitara iaby. [13]Le nomey iareo aze saky ty
ampahane ty fagnatitse oroa, miarake amy iaze lohane, vaho nagnoro zane teo ambone alitara re. [14]Nanasa reo
tao agnaine naho reotombone re vaho noroane teo ambony ty fagnatitse oroa two amy ty alitara reo.[15]Nagnomey
ty soro ty vahoake re Arona__aose lahy raike, vaho nangalake zane ho soro noho ty haratia iareo vaho namono
zane; nanao zane soro zane noho ty haratia re, arake zay nataone tamy iaze aose lahy voalohane. [16]Nampiseho ty
fagnatitse oroa naho nagnomey zane arake ze nandilia Yaveh re. [17]Nampiseho ty fagnatitse voa re; nameno ty
tagnane tamy zane re vaho ngnoro zane teo ambony ty alitara, miarake amy ty fagnatitse oroa maraindray.
[18]Nivonoane avao kea ty aombe naho ty aose lahy, soro ho ahy ty fagnatio-pilongoa, zay ho ahy ty ndaty. Nomey ty
anandahy ndre Arona aze ty lione, zay nafitsiky tegne amy ty lafy ty alitara iaby. [19]Na zane kea, nafaha iareo ty
sabora ty iaze aombe naho ty aose lahy, ty sabora zay mandrakotse ty tao ampone, reo voa, vaho ty
sarok'atine[20]nangalake ty zara ze voarasa iareo vaho napipoke zane teo ambony ty tratrane, vaho le nangnoro ty
sabora teoa ambony ty alitara re Arona. [21]Vaho Arona nagnelagnela reo tratra naho ty feine havana ho fagnatitse
ahelahela teo agnoloa Yaveh, arake ty nandilia ndre Mosesy.[22]Le nanondrotse ty tagnane teo amy ty vahoake re
Arona vaho nitsi-pirano aiereo; le nizotso bak'amy ty fagnatreha ty fagnatitse noho ty haratia re, ty fagnatitse
oroa, vaho ty fagnati-pilongoa.[23] Nizilike fox amy ty ajomba-lay fihaogna re Mosesy naho Arona, bak'eo le niboake
ndraike iareo le nitsi-pirano ty vahoake, vaho niseho tamy ty ndaty iaby ty hasy Yaveh. [24]Nisy afo niboake
bak'agne amy Yaveh le nandrava ty fagnatitse oroa naho ty sabora teo ambony ty alitara. Lafa nahisake zane ty
ndaty iaby, le nikoike iareo vaho nampiondrike ty vatane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Nadaba naho Abiho, anandahy ndre Arona, le sambe nangalake ty fandesa ty afone, nagnisy afo teo amy zane,
va bak'eo liten-ketae magnise. Bak'eo iareo nagnomey afo tsy nekey teo agnatreha Yaveh, zay tsy nandiliane
aiereo mba hamea. [2]Ke a nisy afo niboake bak'eo agnatreha Yaveh vaho nandrava aiereo, vaho maty teo agnoloa
Yaveh iareo.[3]Bak'eo Mosesy nitsara tamy ndre Arona tihoe: Zao ro nirehafy Yaveh lafa nitsara Re tihoe: 'Hitilily ty
fahamasignako amy reo zay avy marineke Ahike Raho. Homein-kasy eo agnatreha ty vahoake iaby Raho.'" Tsy
nitsara na ino na ino reo Arona. [4]Nikaike ahy ndre Misaela naho Elzafana, anandahy ndre Oziela rahalahin-drae
ndre Arona re Mosesy, vaho nitsara tamy iareo tihoe: "Mandehana etoy vahoandeso egne ambaliky ty kianja tsy
ho eo agnatreha ty tabernakely reo rahalahinareo."[5]Kea namonjy marinike iareo vaho nanday aiereo mboe
nanao akanjo lava maha-pisoro aiareo tegne ambaliky ty kianja, arake ty fa nitalily ndre Mosesy. [6]Bak'eo re
Mosesy le nitsara tamy nde Arona naho Eleazara vaho Itamara, reo anandahine tihoe: " Ko apoke hikorata ty volo
eo agn'ambo nareo, vaho ko tatahy ty akanjonareo, soa tsy ho maty nareo, vaho tys ho hasiake amy ty fiangona
iaby Yaveh. Te apoho reo longonareo, ty taranagn'Israely iaby, mba hisao ahy reo ze noroa ty afo Yaveh. [7]Lonike
tsy handeha ambaliky ty fiziliha ao amy ty aly fihaogna nareo, laha tsy zane le ho maty nareo, satria aminareo ty
menake fagnosora Yaveh." Le nanao arake ty tsara ndre Mosesy iareo.[8]Nirehake tamy ndre Arona Yaveh, nanao
tihoe: [9]" Ko mino divay na zaka finomy mahere, iriha, na reo anandahinao zzay sisa miarake aminao, lafa
mandeha agne amy ty lay fihaogna, soa tsy ho maty nareo. Ho lalàgna maharitse ho ahy reo taranaky ty
vahoakanao zane, [10]soa hagnavaha ty masy naho ty tsy masy, vaho ty maloto naho ty malio, [11]soa hampianatse ty
vahoagn'Israley reo lalàgna iaby zay nandilia Yaveh tamy ty alala ndre Mosesy iriha."[12]Nirehake tamy ndre arona
naho Eleazara vaho Itamara, anandahine sisa tavela re Mosesy tihoe: "Alao ty fagnatitse hotavay ze tavela
bak'emy reo fagnatitse natao tamy y afo ho ahy Yaveh, vaho tavao miarake amy ty lalivay eo agnila ty alitara
zane, satria masy loatse zane. [13]Lonike nareo hitava zane ao amy ty toera masy, satria anjaranao naho anjarany
reo anandahinao tammy reo fagnatitse vita tamy ty afo ho ahy Yaveh zane, te zane ro nandilia ahike ho talily
aminao.[14]Ty tratrane zay mihelahela naho ty feine zay aseho ahy Yavehe, le lonike ho hatavainareo egne amy ty
toera malio eke ty Andragnahareo. Iriha naho reo anandahiko vaho reo anak'ampelako le tokone mitava reo
anjara reo, te fa nomey ho anjaranao naho anjara reo anandahinao bak'amy ty soro ty fagnati-pilongoa ty
vahoagn'Israely reo. [15]Ty feine zay aseho naho ty tratrane zay mihelahela, le tsy maintse andesy iareo miarake
amy ty sabora natao tamy ty afo, soa ahelahela eo agnatreha Yaveh. Ho anao naho reo anandahinao miarake
aminao manahake ty anajara zisikm-parane reo, arake ty nandilia Yaveh."[16]Bak'eo Mosesy nagnontany mikasike
iazy aose natao fagnatitse noho ty haratria, vaho nahisake te may zane. Le nasiake tamy ndre Eleazara naho
Itamara, anandahy ndre Arona sisa tavela re; nanao tihoe re: [17]"Nanao akore nareo ro tsy nitava iaze fagnatitse
noho ty haratia teo amy ty faritse ty tabernakely, te zane ro masy loatse, vaho fa nomey Yaveh anareo soa
hagnafaha ty heloke ty fiharoa zane, soa ho fagnavaha ho aiereo teo agnatrahane? [18]Ingo, ty lione le tsy nandesy
tao agnaty ty tabernakely, zay tokone nitavainaore tao amy ty faritse ty tabernakely, arake ty nandiliako."[19]Bak'eo
Arona namale ahy ndre Mosesy tihoe: "Ingo, androne ro nanaova iareo ty fagnatitse noho ty haratiane naho ty
fagnatitse oroane teo agnatreha Yaveh, vaho zane raraha zane le niseho tamiko androne. Laha nitava iaze
fagnatitse noho ty haratia raho androane, nao nankasitrahy teo amy ty fanjo Yaveh zane vao?" [20]Lafa heno ndre
Mosesy zane, le afapo re.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 11

[1]Nirehake tamy ndre Mosesy naho Arona Yaveh, nanao tihoe: [2]"Mirehafa amy ty vahoagn'Israely, manao tihoe:
'Reto iaby reo zaka-managn'ay zay azonareo hany eo amy reo biby iaby zay eto ambone ty tane.[3]Afake mitava ty
biby iaby zay mivaky hotro naho mampimpoly ty haratia nareo. [4]na zane kea, na mampimpoly ty haratia na
mivaky hotro kea reo biby sasane, le lonike nareo tsy hitava aiereo, le le reo biby manahake ty rameva, satria
mampimpoly haratia re te tsy mivaky hotro. Noho zane le maloto ho anareo ty rameva.[5]Ty hyraka avao kea,
satria mampimpoly haratia re te tsy mivaky hotro, maloto ho anareo avao kea zane. [6]Ty bitro, le maloto ho
anareo, satria mampimpoly re, te tsy mivaky hotro.. [7]Ty koso, na mivaky hotro kea, le tsy mampimpoly haratia re,
le maloto ho anareo. [8]Lonike nareo tsy hitava amy ty hena reo, na hikjasike ty faty iareo. Maloto ho anareo reo.
[9]Reo biby iaby miay ampo rano zay azonareo tavae le reo zay mana vombone naho kirane, na ao amy ty
ranomasy na agne amy ty vavarano. [10]Te reo zaka-mana-piay iaby zay tsy misy vombone naho kirane ao ampo
ranomasy na vavarano le tsyazonareo tavay, ao agnty zane reo iaby zay mihetsike ao agnate rano naho reo zaka-
mana-piay iaby zay ao ampo rano__lonike ho hakanareo rey.[11]Te lonike ho henje rey, lonike nareo tsy hhitava ty
hena rey; vaho ty faty rey avao kea le lonike ho henje. [12]Zay iaby tsy misy vombone naho kirane ao ampo rano le
lonike ho halanareo.[13]Reto iaby reo voro zay tsy maintse hohenjinareo naho tsy tokone ho tavainareo: le ty
voromahere, ty voltora, [14]ty papango, ty karaza ankoay iaby, [15]ty karaza goake iaby, [16]ty vorondolo naho ty
vorondolo magneno, ty voron-drano, vaho ty karaza ankoay iaby.[17]Lonike nareo hakay ty vorondolo kele naho ty
vorondolo lehibey, ty manarana avao kea, [18]ty vorondolo foty naho ty vorondolo sompitra, ty ibisa, [19]ty vano, ty
karaza vanobey iaby, ty takidara, vaho ty ramanavy avao kea.[20]Reo bibikele managn'elatse zay mandeha amy ty
tomboke efatse le fahavetaveta ho anareo. [21]Afake mitava reo bibikely mitily iaby ze mandeha amy ty tombone
efatse nareo laha manan-tomboke ambony ty fadiane hitrekane eo amy ty tane avao iareo. [22]Afake mitava reo
karaza valala bey, solama, ty valala kele, na ty ampanga iaby avao kea nareo. [23]Te reo bibikel mitily iaby zay
manana tomboke efatse le tsy maintse hohenjenareo.[24]Laha mikasike ty faty ty raike amy reo nareo le halotony
reo biby reo mandra-pahariva ty andro. [25]Na ia na ia mitipo ty raike amy ty faty reo le tsy maintse manasa ty
fisikinane re vaho mijano maloto mandra-pahariva ty andro.[26]Ty biby iaby mivaky hotro zay tsy mizara iaby na
tsy mampimpoly haratia le maloto ho anareo. Ze iaby mikasike aze rey le haloto. [27]Ze iaby mandeha amy ty
tombone amy reo biby iaby zay mandeha amy ty tombone efatse, le maloto ho anareo. Na ia na ia mikasike ty
fatine le haloto mandra-pahariva ty nadro. [28]Na ia na ia mitimpo ty fatine le tsy maintse manasa ty fisikina iareo
vaho maloto mandra-pahariva ty andro. Reo biby reo le haloto ho anareo.[29]Laha ty amy reo biby ze milaly amy ty
tane le reto iaby reo biby ze halotp ho anareo: ty kionkione, ty valavo, ty karaza androngo lehibey iaby, [30]ty
tsatsake, ty anakà, ty androngom-pasike, vaho ty sangorita.[31]Amy reo biby milaly iaby, le reo ro biby zay haloto ho
anareo. Na ia na ia mikasike aiereo lafa maty reo le haloto mandra-pahariva ty andro. [32]Laha maty ty sasane amy
reo le milatsake amy ty raraha, le haloto zane raraha zane na vita tamy ty hetae, na lamba, na hoditse, na lamba
fisaogna zane. Na ino na ino zane vaho na ino na ino ampiasa aze, le tsy maintse hajo ampo rano; haloto zane
mandra-pahariva ty andro. Vaho halio bak'eo. [33]Ty valagny tanemanga iaby ze hilatsaha ty biby maloto ao
ampone na eo amine, na ino na ino ao ampo ty iaze valagny le haloto, vaho tsy maintse potehinareo zane valagny
zane.[34]Ty mahatanjake iaby zay malio naho azo hotavae, nefa nilatsaha ty rano bak'ao amy ty valagny maloto
raike, le haloto. Zay iaby mete ho ninome tamy ty velagne manahake zane le haloto. [35]Zay iaby nilatsahane ty
sasane tamy ty faty ty biby maloto le haloto, na laforo zane na valagne fiketreha. Tsy maintse potehy zane. Maloto
zane le tsy tokone haloto ho anareo.[36]Ty vavarano na famorin-drano zay hamoria ty rano finomy le halio avao
laha misy biby manahake zane milatsake ao ampone. Te laha misy ndaty miksaike ty faty ty biby maloto raike ao
amy ty rano, le haloto re. [37]Laha misy ampahane amy ty faty ty biby maloto milatsake eo ambony ty voa fambole,
le halio avao reo voa reo. [38]Te laha tondraha rao reo voa, vaho laha misy ampahane amy reo faty maloto
milatssake eo amy reo, le haloto ho anareo reo.[39]Laha misy biby azy azonareo ho tavay maty, le haloto mandra-
pahariva ty andro iazy nikasike ty fatine. [40]Na ia na ia mitava amy io faty io le tsy maintse manasa reo fikinane
vaho haloto mandra-pahariva ty andro. Zay iaby mitimpo ty faty manahake zane le hanasa reo fisikinane vaho
haloto mandr-pahariva ty andro.[41]Ty biby iaby zay milah
[42]Zay iaby milaly amy ty trone, vaho zay iaby mandeha amy ty tombone efatse, na zay iaby mana tombone maro__
reo biby iaby ze mikasike amy ty tane, reo ro tsy azonareo hotavae, satria hohenje reo.[43]Lonike nareo tsy handoto
ty vatanareo amy reo zaa-manam-piay milaly iaby; lonike tsy handoto ty vatanareo amy rey nareo, te haloto amy
rey nareo. [44]Te Iraho ro Yaveh Andragnaharenareo. Tokone ho tananareo ho masy ty vatanareo, noho zane, masy,
satria masy Raho. Lonike tsy handoto ty vatanareo amy ty karazam-biby iaby zay milaly amy ty tane nareo. [45]Te
Iraho ro Yaveh, zay nanday anareo niala bak'ao amy ty tane Egypta, soa ho Andragnaharenareo. Noho zane


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

lonike nareo ho masy, satria Iraho le masy.[46]Zane ro lalàgna mikasike reo biby, reo voro, reo zaka-manam-piay iaby zay mihetsike ao ampo rano, vaho reo biby iaby ze mikisake amy ty tane, [47]satria tokone hisy fagnavaha eo amy ty maloto naho ty malio, vaho eo amy reo zaka-mana-piay zay azo hotavay naho reo zaka-mana-piay zay tsy azo hotavay.'"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 12

[1]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: [2]" Mirehafa amy ty vahoagn'Israely, manao tihoe: ' laha misy ampela
managn'anake le misamake ajajalahy, le haloto agnate ty fito andro re, manahake ty fahalotoane agnate reo
andro andehana ty lione. [3]Amy ty andro faha-valo le lonike hotaoahy ty motso ty ajajalahy.[4]Bak'eo ty fagnadiova
iaze rene bak'amy ty lione hitohy agnate ty telo amby telopolo andro. Tsy tokone hikasike zaka masy re hizilike
ao amy ty faritse ty tabernakely mandra-pahatapitsy ty andro fandiova aze. [5]Te laha teraka anak'ampela re, le
haloto agnete ty roe heregnandro, manahake ty agnate ty fahandehana ty lione. Le hitohy agnate ty enipolo
enign'amby andro fagnadiova iaze rey.[6]laa tapitse ty andro fandiova aze, na ho ahy ty anandahine na
anak'ampela, le tsy maintse manday aondre herentao raike ho fagnatitse oroa re, vaho ana-boromahilala roe na
domoina soa ho fagnatitse noho ty haratia, ho eo amy ty fiziliha ao amy ty lay fihaogna, ho eo amy ty mpisoro.
[7]bak'eo re le hagnomey zane eo agnatreha Yaveh vaho hanao fagnavaha ho aze, le ho voalio amy ty fandehane ty
lione re. Zane ro lalàgna amy ty ampisafe ze miterake na ajajalahy na anak'ampela. [8]Laha tsy afake magnomey
aondre re, le tsy maintse mangalake voromahilala roe na ana-boromahilala roe, ty raike ho fagnatitse oroa vaho
ty raike hafa ho fagnatitse noho ty haratiaa, vaho hanao fagnavaha ho aze ty mpisoro; le halio re bak'eo.'"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 13

[1]Nirehake tamy ndre Mosesy naho Arona Yaveh, nanao tihoe: [2]"Laha misy mamontiske na manako-pery na
mifaritse mangiratse amy ty holitsy ty vatane, le lasa mamalo zane vaho misy areten-kolitse ty vatane, le tsy
,maintse andesy agne amy ty Arona mpisorobey re, na amy raike amy reo anandahine mpisoro.[3]Bak'eo iaze
mpisoro le hitalily ty arete eo amy ty holitsy ty vatane. Laha nivalike foty ty volo eo amy ty faritse iaze arete, vaho
laha hisake te lalike vantane noho ty eo amy ty holitse avao iaze ty arete, le lasa arete-mifalo zane. Vaho afara ty
fizaha ty mpisoro aze, le tsy maintse mitalily aze ho maloto re. [4]Laha fotifoty ty mifaritse mangiratse amy ty
holine, vaho ty tarehy zane le tsy lalike loatse noho ty amy ty holitsine, vaho ty tarehy zane le tsy lalike loatse
noho ty amy ty holitse, vaho laha tsy mivalike foty ty volo amy ty faritse ty arety, le tsy maintse avaha iaze
mpisoro toboke agnate ty fito andro iaze raike misy arety.[5]Amy ty andro fahafito, le tsy maintse mivamba aze iaze
mpisoro soa hagnete laha tsy miha-rate iaze aret laha ty hevine, laha tsy miparitake amy ty holitsine zane. Laha
tsy misy zane, le tsy maintse mampitoka-monigne aze agnate ty fitoandro na mihoatse iaze mpisoro,. [6]Hivamba
aze ndraike iaze mpisoro amy ty andro fahafito soa hivamba laha miha-soa iaze arety vaho tsy miparitake
mameno ty holitse. Laha tsy misy zane, le hitalily aze ho malio iaze mpisoro. Manako-pery zane. Tsy maintse
manasa ty fitafiane re, vaho le halio re.[7]Te laha miparitake amy ty holitsine ndraike zane fere zane tafara ty
nampisehoane ty vatane tamy ty mpisoro ty amy ty fahaliovane. [8]Le tsy maintse haneho ty vatane eo amy iaze
mpisoro ndraike re bak'eo. Hivamba aze iaze mpisoro soa hagnete laha miparitake mameno ty holitsine iaze fere.
laha niparitake zane, le tsy maintse mitalily aze ho maloto iaze mpisoro. Arete-mifalo zane.[9]Laha misy arete-
kolise mifalo amy ty ndaty, le tsy maintse andesy agne amy ty mpisoro re. [10]Hivamba aze ty mpisoro soa hagnatea
laha misy mamombotsike foty amy ty holitse, laha mivalike foty ty volo, na laha misy nofotse manga amy ty
mivonto. [11]Laha misy, le arete-kolitse miteza zane, vaho tsy maintse mitalily aze ho maloto ty mpisoro. Tsy
hanoka monigne aze re, satria fa maloto re.[12]Laha miparitake bey amy ty holitse iaze arety vaho mandrakotse ty
holits'iaze ndaty iaby ty arety hatragne amy ty ambone lohane le hatragny amy ty tmobne, laha vao hisa ty
mpisoro zane, [13]le tsy maintse hivamba aze iaze mpisoro soa hivamaba laha ,mameno ty vatane iaby iaze arety.
Laha misy zane, le tsy maintse mitalily ahy iaze ndaty misy arety ho malio ty mpisoro. Laha nivalike foty iaby
zane, le malio re. [14]Te laha misy nofotse manga miseho eo amine, le haloto re.[15]Tsy maintse mivamba ahy iaze
nofotse manga iaze mpisoro vaho mitalily aze ho maloto satira maloto iaze nofotse manga. Arete-mifalo zane. [16]Te
laha mivalike foty ndraike ty nofotse manga, le tsy maintse mandeha agne amy ty mpisoro iaze ndaty. [17]Hivamba
aze aiaze mpisoro soa hagneteane laha nivalike foty iaze nofote. Laha nivalike zane le ha-italily iaze ndaty malio
iaze mpisoro.[18]Laha misy bay eo amy ty holitsy ty ndaty raike ka afake zane, [19]vaho laha misy mivonto foty na
holatsy ty fery, mena foty eo amy ty toera iaze bay, le tsy maintse aseho ahy iaze mpisoro zane. [20]Hivamba zane
iaze mpisoro soa hivamba laha miha-milenteke ambany ty holitse zane, vaho laha nivalike foty ty volo eo. laha
zane, le tsy maintse mitalily aze ho maloto iaze mpisoro. Aret-mifalo zane, laha mitombo eo amy iaze toera ze
nisy iaze bay zane.[21]Te laha mivamba zane iaze mpisoro le mahisake te tsy misy volo foty eo amy zane, vaho tsy
ao ambany ty holitse zane te faniala, le tsy maintse hatoka iaze mpiosoro monigne agnate ty fitoandro re. [22]Laha
miparitake bey amy ty holitse zane, le tsy maintse mitalily aze ho maloto iaze mpisoro. Arete-mifalo zane. [23]Te
laha mijano amy ty toerane iaze holitse iaze fere te tsy niparitake, le holitse iaze bay zane, le tsy maintse
hagnambara aze ho malio iaze mpisoro.[24]Lafa misy maike ty hoolitse vaho lasa somare mena-foty na faritse foty
iaze nofotse manga may, [25]le hivamba zane iaze mpisoro soa hagnete laha nivalike foty ty volo amy zane faritse
zane, vaho laha hisake te lalike loatse noho iaze teo amy ty holitse zane. Laha misy zane, le arete-mifilo. Lasa
angamay teo amy iaze may zane, vaho tsy maintse mitalily aze ho maloto iaze mpisoro. Arete-mifalo zane.[26]Te
laha mivamba zane iaze mpisoro le mahisake te tsy misy volo foty amy iaze faritse, vaho tsy ao ambany ty holitse
zane te matroke, le tsy maintse hatoka ty mpisoro monigne agnate ty fitoandro re. [27]Bak'eo le tsy maintse
mivamba aze iaze mpisoro amy ty andro fahafito. Laha niparitake bey tamy ty holitse zane, le tsy maintse
mitalily aze ho maloto iaze mpisoro, arete-mifalo azne. [28]Laha mijano eo amy ty toerane iaze faritse vaho tsy
miparitake amy ty holitsy te matroke, le mivontonana bak'amy iaze ,ay zane, vaho ty mpisoro le tsy maintse
hitilily aze ho malio, te raraha tsy misy dikane zane mihoatse noho ty holatsy ty may.[29]Laha misy lehilahy na
ampela misy arete-mifalo eo amy ty loha na saoke, [30]le tsy maintse mivamba iaze ndaty amy ty arete-mifalo iaze
mpisoro soa hagnate laha miseho lalike loatse noho ty eo amy ty holitsine zane, vaho laha misy mavomavo, volo
matify ao amy zane. laha misy, le tsy maintse mitilily aze ho maloto iaze mpisoro. Hilihily zane, areti-mifalo eo
amy ty loha na amy ty saoke zane.[31]Laha mivamba iaze arety ty hilihily iaze mpisoro le mahisake te tsy eo
ambany ty holitse zane, vaho laha tsy misy volo maintse amy zane, le hampitoka-monigne ahy iaze ndaty misy
arety ty hilihily iaze mpisoro agnate ty fitoandro.[32]Amy ty andro fahafito le hivamba iaze arety ty mpisoro soa


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

hivamba laha niparitake zane. Laha tsy misy volo foty mavomavo, vaho laha manahake ty hatevy ty holitse avao ty fahisaha iaze arety, [33]le tsy maintse ho sola re, te iaze faritse misy ty arety le tsy tokone ho sola, vaho vaho ty mpisoro le tsy maintse hampitoka-monigne ahy iaze ndaty amy ty arety ty hilihily agnate ty fitoandro.[34]Aamy ty andro fahafito le hivamba iaze arete mpisoro soa hivamba laha nijano niparitake tamy ty holitse zane. Laha hisake ho tsy matevy noho ty holitse zane, le tsy maintse hitilily aze ho malio ty mpisoro. Tsy maintse manasa ty akanjone iaze ndaty, le halio re bak'eo.[35]Te Laha miha-miparitake amy ty holitse iaze arety ty hilihily tafara ty nitalily iaze mpisoro te malio re, [36]le tsy maintse mivamba aze ndraike iaze mpisoro. Laha miparitake amy ty holitse iaze arete, le tsy mila mipay volo mavomavo sase iaze mpisoro. Maloto iaze ndaty. [37]Te laha amy ty fivamba ty mpisoro le fa nijano niparitake iaze arety ty hilihily vaho nisy volo mainte nitiry teo amy ty faritse, bak'eo le afake iaze arety. Malio re, vaho tsy maintse mitalily aze ho malio iaze mpisoro.[38]Laha misy lehilahy na ampela misy faritse foty amy ty holitse, [39]le tsy maintse mizaha iaze ndaty mpisoro soa hivamba laha matroke iaze faritse, iaze fer vake teo amy ty holitse avao avao. Le malio re.[40]laha mihintsa amy ty lohane ty volo ty ndaty raike, le sola re, te malio. [41]Laha milatsake bak'eo ambony ty lohane ty volone, vaho sola ty ambone ty handrine, le malio re.[42]Te laha miy ratsy mena-foty eo amy ty lohane sola na tampon-kandrine, le arete-mifindra ze vaky atoy ivelane zane. [43]bak'eo le tsy maintse mivamba aze iaze mpisoro soa hiagnete laha mena-foty iaze faritse mivonto iaze arete eo amy ty lohane sola na ty tampon-kandrine, manahake ty fomba ty areti-mifalo amy ty holitsy. [44]laha zane, le misy areti-mifandra naho maloto re. Tsy maintse motalily aze ho maloto iaze mpisoro noho ty aretine eo amy ty lohane.[45]Ty ndaty ze misy areti-mifindra le tsy maintse manao ankanjo tatake, tsy maintse asavoritake ty volone, vaho tsy maintse manaro ty tarehine hatreo amy ty orone re vaho mikaikaike tihoe: 'maloto, maloto.' [46]agnaty ty andro iaby ze hisia iaze areti-mifalo amine le haloto re. Satria maloto ty arety zay mifalo re, le tsy maintse mitoboke arere. Tsy maintse mitoboke agne ambaliky ty kianja re.[47]Ty akanjone zay nififalo ty maty foty, na ty volo ty aondre na lambandrongone foty malinike, [48]na zaka vita tamy ty tegnona na nizaire tamy ty volo ty aonde na rongone foty malinike ho angozy na zaka vita tamy ty angozy__[49]laha misy fifindra manopy maitso na manopy mena amy iaze akanjo, iaze angozy iaze tenona na fitaova fanjaira, na zaka vita tamy ty angozy, le maty ty foty miparitake zane; tsy maintse aseho amy ty mpisor zane.[50]Tsy maintse mivamba ty mikasike iaze maty foty iaze mpisoro; tay maintse hatokane agnate ty fitoandro ty raraha iaby ze misy maty foty. [51]Tsy maintse mivamba iaze maty foty ndraike re amy ty andro fahafito. Laha niparitake tamy ty akanjo na zaka vita tamy ty tenona, nizairy tamy ty volo ty aondre na fitaova rongone foty malinike, na angozy na raraha zay nampiasa angozy, le maty foty mampidi-doza zane, vaho maloto zane raraha zane. [52]Tsy maintse magnoro iaze akanjo, na zaka vita tamy ty tenona, nizairy tamy ty volo ty ondre na fitaova rongone foty, na angozy na raraha iaby ze vita tamy ty rongony foty, raraha ze hisake tamy iaze maty foty mampidi-doza re, te mete handay arety zane. Tsy maintse oroa iaby zane raraha zane.[53]Laha mivamba iaze faritse ty mpisoro vaho mahisake te tsy niparitake tamy ty akanjo na ty zaka nitenonine na nizairy tamy ty volo ty aondry na rongone, fitaova ankozy iaze maty foty, le hibaoko aiereo reo soa hanasa ty zaka ze nahisaha iaze may foty, [54]vaho tsy maintsy hatoka-monigne agnete ty fitoandro zane. [55]Bak'eo le hivamba iaze faritse iaze mpisoro lafa voasasa iaze zaka misy maty foty.na tsy niova ty loko iaze maty foty, vaho tsy niparitake kea zane, le maloto avao zane. Tsy maintse oroanareo iaze faritse, na taia na taia ro nifaloa iaze maty foty.[56]Laha mivamba iaze faritse ty mpisoro, vaho laha matromatroke iaze maty foty lafa voasasa, le ty maintse manatake iaze faritse maloto eo amy ty akanjo na eo amy ty rognone foty, na eo amy ty tenona na fitaova fanjaira re. [57]Laha mboe miseho amy ty akanjo avao iaze maty foty, na amy ty tenona na amy ty ftaova fanjaira, na amy ty raraha iaby natao tamy ty rongone foty, le miparitake zane. Tsy maintse magnoro ty raraha iaby ze nisy iaze maty foty nareo. [58]ty lamba na zaka vita tamy ty tenona na nizairy tamy ty volo ty aondre na zaka vita tamy ty rongone foty, na holitse na zaka vita tamy ty angozy__laha manasa iaze raraha nareo le miala iaze maty foty, le tsy maintse sasà fagnindroane iaze raraha, le halio zane.[59]Zane ro lalàgna mikasike ty maty foty amy ty akanjone volo ty aondro na roangone foty malinike, na zaka nitenonina na nizairy tamy ty volo ty aondro na rongone foty malinike na holitse na zaka vita amy ty holitse, soa hazahoanareo mitalily na malio zane na maloto."

 

## Chapter 14

[1]Yaveh nitsara tamy ndre Mosesy, nanao tihoe: [2]"Zao ro ho lalàgna ho ahy ty angamay amy ty andro fagnadiova
aze. Tsy maintse andesy agne amy ty mpisoro re.[3]Hiboaky ty kianja ty mpisoro le hivamba iaze ndaty soa hahaiza
azo afaha iaze aretin-kolitse. [4]Bak'eo le hibaiko iaze mpisoro te iaze holiovy le tsy maitse manday vor velo roe
sade malio, hetae sedera, kofehe jaky, vaho hysopa. [5]Hibaiko aze soa hamono ty raike amy reo voro eo amy ty
rano nala tamy ty rano mandeha zay ampo lokaloka tanemanga iaze mpisoro.[6]Hangalake iaze voro velo naho
iaze hetae sedera, vaho iaze kofehy jaky naho iaze hysopa bak'eo ty mpisoro, vaho hampijo reo raraha iaby reo,
miarake amy iaze voro velo, ao amy ty lio iaze voro zay nivonoa tao amy ty iaze rano nala tamy y rano mandeha.
[7]Bak'eo le hafitsiky iaze mpisoro im-pito amy iaze ndaty hiliova amy ty arety zane rano zane, vaho bak'eo hitalily
aze ho malio iaze mpisoro. Bak'eo le hagnafake iaze voro velo ho agne amy ty baibo malalake iaze mpisoro.[8]Iaze
ndaty voalio le hanasa ty fisikinane, hagnaratse ty volone iaby, vaho hampandro ty vatane ao ampo ty rano, vaho
le halio re. Afara zay le tsy maintse hizilike ao amy ty kianja re, feie hijano eo ambaliky ty laine agnte ty
fitoandro. [9]Amy ty andro fahafito le tsy maintse magnaratse ty volon-dohane iaby re, vaho magnaratse ty volom-
bavane avao kea. Tsy maintse magnaratse ty volone iaby re, vaho tsy maintse manasa ty fisikinane naho
mampandro ty vataen ao ampo rano; vaho le halio re.[10]Amy ty andro fahavalo le tsy maintse hangalake
anak'aondre lahy tsy miusy handra roe re, anak'aondre vavy raike herentao tsy misy handra, naho koba sao lisa
telo ampahafolo ty efahavoahara amy ty menake ho fagnatitse hotavay, vaho menake raike loga. [11]Iaze mpisoro
zay magnalio aze le hampitsanga iaze ndaty holiovy, miarake amy reo raraha reo, eo agnoloa Yaveh eo amy ty
filiha mandeha amy ty ajomba lay fihaogna.[12]Hangalake ty raike amy reo anak'aondre lahy la hagnome zane ho
fagnatitse noho ty heloke, miarake amy iaze logan-diloilo iaze mpisoro; hagnevaheva reo ho fagnatitse ahelahela
eo agntreha Yaveh re. [13]Tsy maintse homono iaze aondre lahy eo amy ty toera ze famonoa iare fagnatitse noho ty
haratia naho fagnatitse oroa re, ao amy ty faritsy ty tabernakely, te ahy ty mpisoro ty fagnatitse noho ty heloke,
satria zane ro masy loatse.[14]Hangalake amy ty lio ty fagnatitse noho ty heloke le hametrake zane eo an-tendron-
tsofy havana iaze nadty zay holiovy iaze, eo amy ty tandrobein-tagnane havana, vaho amy ty amy ty tondrobein-
tombone havana iaze mpisoro. [15]Vaho hanagalake menake bak'amy iaze loga iaze mpisoro le hangnily zane eo
amy ty fela-tagnane havia, [16]vaho hampijo ty rambon-tagnane ao ampo iaze menake eo amy ty tagnane havia,
hamitsiky zane im-pito bak'amy ty menake amy ty rambon-tagnane eo agnoloa Yaveh.[17]Vaho hagnosotso ty amby
iaze menake teo amy ty tagnane eo ammy ty tendron-tsofy ahava iaze ndaty holiovy, ty tondrobein-tagnane an-
kavana, vaho ty tondrobein-tombone an-kavana iaze mpisoro. Tsy maintse mametrake zane menake zane eo
ambony iaze leio bak'amy ty fagnatitse noho ty heloke re. [18]Vaho ty amy reo amby menake zay eo an-tagna iaze
mpisoro, le hagnosotse zane eo amy ty loha iaze ndaty holiovy re, vaho iaze mpisoro le hanao fagnavota ho aze
eo agnatreha Yaveh.[19]Bak'eo le hagnaome ty fagnatitse noho ty haratia naho hanao fagnavota ho aze zay ho liovy
noho ty fahalotoane iaze mpisoro, vaho afara zane le hamono iaze fagnatitse oroa re. [20]vaho bak'eo lke hagnome
iaze fagnatitse oroa naho fagnatitse hotavay eo ambony alitara iaze mpisoro hanao fagnavota ho ahy iaze ndaty
iaze mpisoro, bak'eo le halio re.[21]Feie, laha tsy mana naho tsy tsy mahatakatse reo soro reo iaze ndaty, le tokone
hangalake anak'aondre lahy raiky ho fagnatitse noho ty heloke soa haelahela re, soa hanaova fagnavota ho ahy ty
vatane, naho koba soa lisa raike am-pahafolo ty efaha voaharo menake raike logna, [22]miarake amy ty domoina
roe na zana-boromahilala roe, arake ze tratrane; voro raike ho fagnatitse noho ty harataia vaho iaze hafa ho
fagnatitse oroa. [23]Amy ty andro fahavalo le tsy maintse manaday reo ho ahy ty fagnadiova aze eo amy ty mpisoro
re, eo amy ty fiziliha mandeha amy ty ajomba lay fihaogna, eo agnatreha Yaveh.[24]hangalake iaze anak'aondre ho
fagnatitse iaze mpisoro, vaho haalane miarake amy zane iaze menak'oliva raike loga, vaho hanondrotse zane
ambone ho fanehoa aiereo amy Yaveh re. [25]Hamono iaze anak'aondre ho ahy ty fagnatitse noho ty heloke re, vaho
hangalake amy ty lio ty fagnatitse noho ty heloke la hagnisy zane eo amy ty tendron-tsofy havana iaze ho diove,
eo amy ty tondrobin-tagnane an-kavana, vaho eo amy ty tondrobei-tombone an-kavana.[26]Bakeo le hangnily amy
iaze menake eo am-pelatagnane an-kavia iaze mpisoro, [27]vaho hamitsiky im-pito amy ty rambon-tagnae an-
kavana amy iaze menake zay eo amy ty tagnane an-kavia eo agnatreha Yaveh re.[28]Le hagnisy amy iaze menake
zay eo amy ty tagnane ty tenron-tsofy an-kavana iaze hodiovy iaze mpisoro, ty tondrobei-tagnane havana, naho
tondrobein-tombone havana, eo amy iaze faritse nasiane lio iaze fagnatitse noho ty heloke avao. [29]Hasiane ty
amby iaze menake zay eo amy ty tagnane ty loha iaze hodiovy, soa hanaova fagnavota ho aze eo agnatreha
Yaveh.[30]Tsy maintse magnome raike amy reo domoina na reo ana-boromhilala, arake ze takane re__ [31]raike ho
ahy ty fagnatitse noho haratia vaho raike hafa ho fagnatitse oroa, miarake amy ty fagnatitse voa. bak'eo le hanao
fagnavota o ahy iaze diovy eo agnatreha Yaveh iaze mpisoro. [32]Zane ro lalàgna ho ahy ty ndaty zay misy aren-
kolitse mifalo, ze tsy mahatakatse ty fagnatitse mahazatse ho ahy ty fagnadiova aze."[33]Nitsara tamy ndre Mosaesy


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

naho tamy ndre Arona Yaveh, nanao tihoe: [34]"laha avy amy ty tane Kanana ze omeiko ho fanagnanreo nmareo,
vaho laha misy maty foty zay miparitake ao amy ty ajomba ao ty tane zay fagnanareo raho, [35]le tsy maintse avy
vaho mampitalily ty mpisoro zay tompo ty ajomba. Lonike re hanao tihoe: "Otrane misy raraha manahake ty
maty foty ao ajombakok.'[36]Bak'eo le handily aiereo ty mpisoro soa handrava iareo iaze ajomba mialoha ty
hizilihane ao hivamba ty fisia maty foty, soa tsy hisy na ino na ino ho voaloto ao amy iaze ajomba. Afara zay le tsy
maintse mizilike ao soa hivamba iaze ajomba ty mpisoro. [37]Tsy maintse mivamba iaze maty foty re lahy amy ty
rindry ty tragno zane, vaho hagnete l;aha manopy maitso na manopy mena ty filentine eo amy rindry ty tragno.
[38]Laha misy maty foty iaze tragno, le hiboake iaze mpisoro le hagnily ty varavara iaze tragno agnate ty fitoandro.
[39]Vaho himpoly ndraike iaze mpisoro amy ty andro fahafito le hivamba zane soa hamantatse laha niparitake amy
ty rindri ty tragno iaze maty foty. [40]Laha zane, le hibaiko ty amy ty hagnala iareo ty vato zay nahisaha iaze maty
foty iaze mpisoro le hanorake reo agne amy ty toera maloto ambaliky ty tanà.[41]Hampikikisane iaby ty rindry iaze
tragno, vaho tsy maintse haria iareo agne ambaliky ty tanà reo kikine zay mamindra vaho hariane agne amy ty
toera maloto zane. [42]Tsy maintse mangalake vato hafa iareo vaho mametrake reo amy ty toerane reo vato zay
nafahane, vaho tsy maintse mampiasa tanemanga vaovao iareo soa handalora ty tragno.[43]Laha mipoly ndraike
iaze maty foty le mamariparitse ao amy ty tragno zay vao baka nisy vato nafaha naho rindry vaho baka nikikisa
vaho baka nampoly nilalora, [44]le tsy maintse mizilike ao ty mpisoro le mivamba iaze trgno soa hagnete laha
niparitake ao amy ty tragno iaze maty foty. laha zane, le maty foty mampidi-doza zane, vaho iaze tragno le
maloto.[45]Tsy maintse akopake iaze tragno. Reo vato, hetae, vaho reo lalotsy iaby ao amy iaze tagno le tsy maintse
andesy haria agne amy ty toera maloto agne ambaliky ty tanà. [46]Ankoatsy zay, na ia na ia mizilike ao amy iaze
tragno agnate ty fotoa hirindrignane le haloto mandra-pahariva ty andro. [47]Zay natory tao amy ty tragno le tsy
maintse manasa reo fisikinane, vaho reo zay nihina tao amy iaze tragno le tsy maintse manasa reo
fisikinane[48]Laha mizilike ao amy iaze tragno iaze mpisoro le mivamba zane soa hahaiza laha fa niparitake
mameno ty tragno iaze maty foty tafara ty nandalora iaze tragno, vaho, vaho laha niala iaze maty foty, le hitalily
re te malio ty tragno.[49]Bak'eo le hangalake voro roe, naho hetae sedera, naho kofehe jaky vaho hysopa soa
haggndiova iaze tragno iaze mpisoro.[50]Ho vonoane eo amy tyrano nala tamy ty rano mandeha ao ampo ty vatavo
tanimanga ty raike amy reo voro. [51]hangalake hetae sedera, iaze hysopa, iaze kofehy jaky, vaho iuaze voro velo re,
le hapinjo zane ao amy ty lio iaze voro nivonoa, ao ampo ranop nala tamy ty rano mandeha, vaho hamitsiky zane
im-pito ao amy iaze tragno.[52]hagnadio iaze tragno amy ty lio iaze voro naho iaze rano nala tegne amy ty rano
mandeha re, miarake amy iaze voro velo, iaze hetae sedera, iaze hysopa, vaho iaze kofehy jaky. [53]Nefa hapipoke
iaze voro velo hiboake ty tanà ho agne amy ty baibo malalake re. Amy zane fomba zane ro tsy maintse
hanaovane fagnavotsa ho ahy izae tragno, le halio zane.[54]Zane ro lalàgnba ho ahy reo karaza'aretin-kolitsy iaby
naho reo zaka ze miterake arety manahake zane, naho ho ahy ty hilihily, [55]ty amy ty maty foty amy ty fisikina
naho amy ty tragno, [56]ty amy ty mivonto ty amy ty manako-pere, vaho ty amy ty mifaritse foty magira, [57]soa
ahaiza laha misy amy reo zaka miseho reo ro maloto na malio. Zane ro lalàgna ho ahy ty aretin-kolitse mifalo
naho maty foty."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 15

[1]Nirehake tamy ndre Mosesy naho Arona Yaveh, nanao tihoe: [2]"Mirehafa amy ty vahoagn'Isrely vaho talilio aiereo
tihoe: 'laha misy lehilahy mamoake seperima misy arety bakamy ty vatane, le lasa maloto re. [3]Ty fahalotoane le
vokatsy zane seperima misy arety zane. Na mitsike ty seperima amine na tsy mitsike, le maloto zane.[4]Ty fandrea
iaby handreane le haloto, vaho ty raraha iaby zay hitobohane le haloto. [5]Na ia na ia mikasike ty fandriane le tsy
maintse manasa ty akanjone naho miandro amy ty rano, vaho haloto mandra-pahariva ty andro.[6]zay iaby
mitoboke amy ty zaka zay nitoboha iaze lehilahy mitete siperima misy arety, zane ndaty zane le tokone manassa
ty akanjone naho miandro amy ty rano, vaho haloto mandra-pahariva ty nadro re. [7]zay iaby mikasike ty vata iaze
mitete siperima misy arety le tsy maintse manasa ty akanjone naho miandro amy ty rano, vaho haloto mandra-
pahariva ty andro.[8]Laha mandora amy ty ndaty zay malio iaze ndaty ze mitete siperima manahake zane, le tsy
maintse manasa ty akanjone zane ndaty zane vaho mandro amy ty rano, vaho haloto mandra-pahariva ty andro
re. [9]Ty lasely iaby zay ninjogna iaze mitete le haloto.[10]Na ia na ia mikasike ty raraha zay tao ambany zane ndaty
zane le haloto mandra-pahariva ty andro, vaho zay iaby manday reo raraha reo le tsy maintse manasa ty
akanjone naho miandro amy ty rano; haloto mandra-pahariva ty andro re. [11]na ia na ia mikasike ty siperima
manahake zane nefa tsy nanasa ty tagnane mialoha ao agnate rano, le tsy maintse manasa ty akanjone naho
miandro amy ty rano iuaze ndaty voakasike, vaho haloto mandra-pahariva ty andro re. [12]Ty valagny tane iaby zay
nikasihy iaze mamoake siperima manahake zane le tsy maintse vaky, vaho ty vata hetae iaby le tsy maintse sasa
amy ty rano.[13]Lafa afake amy ty fitetene reke zay mitete, le tsy maintse magnisake fito andro amy ty fagnadiova
aze re; bak'eo hanasa ty akanjone re vaho hampandro ty vatane amy ty rano mandeha. Le halio re. [14]Amy ty
andro fahavalo le tsy maintse mangalake voromahilala roe na ana-boromahilala roe re vaho mamonje eo
agnatreha Yaveh eo amy ty fiziliha ao amy ty lay fihaogna; eon re ro hagnome reo voro ho ahy ty mpisoro. [15]Tsy
maintse magnome reo iaze mpisoro, ty raike ho fagnatitse noho ty haratia vaho ty raike hafa ho fagnatitse oroa,
vaho tsy maintse manao fagnavota ho aze eo agntreha Yaveh noho ty fitsihane re.[16]Laha misy lehilahy mamoake
siperima, le tsy maintse manasa ty vatane iaby amy ty rano re; haloto mandra-pahariva ty andro re. [17]Ty
fisikinane naho holitse iaby zay misy siperima le tsy maintse sasane amy ty rano; haloto mandra-pahariva ty
andro zane. [18]Laha miarake mandre ty lehilahy naho ampela vaho misy fandefasa siperima ao amy ty ampela, le
tsy maintse mandro amy ty rano iareo roe; haloto mandra-pahariva ty andro iareo.[19]Laha tonga fotoa ty ampela
raike, le hitohy agnate ty fito andro ty fahalotoane, vaho na ia na ia mikasike aze le haloto mandr-pahariva ty
andro. [20]Ty zaka iaby zay handreane agnate ty fotoane le haloto; ty zaka iaby zay hipetrhane le haloto avao kea.
[21]Na ia na ia mikasike ty fandriane le tsy maintse manasa ty akanjone naho miandrdo amy ty rano; zane ndaty
zane, le haloto mandr-pahariva ty andro. [22]Na ia na ia mikasike ty raraha iaby ze hitobohane le tsy maintse
manasa ty akanjone naho miandro amy ty rano; zane ndaty zane le haloto mandra-pahariva ty andro. [23]Na amy
ty fandria zane na amy ty raraha zay hitobohane, la mikasike zane re, le haloto mandra-pahariva ty andro zane
ndaty zane.[24]Laha miarake mandre amine ty lehilahy, vaho laha mikasike an-dralehilahy ty siperima maloto
bak'amine, le haloto agnate ty fito andro re. Ty fandreane iaby zane handreane le haloto.[25]Laha misy ampela
mamoake lio agnate ty andro maro zay tsy amy ty maha tonga fotoane, na laha mamoake siperima ambalike ty
fotoa ty faha tonga fotoane re, le hanahake ty tihoe amy ty andro ty maha tonga fotoane re, agnate ty andro iaby
hitsihs ty fahalotoane. MNaloto re. [26]Tty fandreane iaby handreane agnate ty fandehana ty lione le hanahake ty
fandrea zay handreane agnate ty maha tonga fotoane avao amine, vaho ty raraha iaby zay hitobohane le haloto,
manahake ty fahalotoa ty tonga fotoane. [27]Na ia na ia mikasike reo raraha reo le haloto; tsy maintse manasa ty
akanjone naho miandro amy ty rano re, vaho haloto mandra-pahariva ty andro re.[28]Te laha voalio amy ty fitsiha
ty lione re, le hagnisake fito andro ho aze, vaho afara zay le halio re. [29]Amy ty andro fahavalo le hangalake
voromahilala roe na ana-boromahilala roe re ho aze re vaho handay reo agne amy ty mpisosro eo amy ty fiziliha
ao amy ty lay fihaogna. [30]Iaze mpisoro le hagnome voro raike ho fagnatitse noho ty haratia vaho ty raike hafa ho
fagnatitse oroa, vaho hanao fagnavota ho aze eo agnatreha Yaveh re noho ty fitsiha t lio malotone.[31]Zane ro
fomba tokone hagnarahanao ty vahoagn'Israely amy ty fahaloto iareo, le tsy ho maty noho ty fahalotoane re, amy
ty fandotoa ty tabernakely, zay hitobohoko eo amy iareo.[32]Reo ro lily amam-pitsike ho ahy ty iaby zay mamoake
siperima, ho ahy ty lehilahy, ho ahy ty lehilahy iaby zay mamoake ty siperima naho mandoto ty vatane, [33]ho ahy
ty ampela zay ao agnate tonga fotoa, ho ahy ty iaby zay mamoake siperima, na lahy na ampela, vaho ho ahy ty
lehilahy iaby zay miarake mandre amy ty ampela maloto.'"

Chapter 16

[1]Nirehake tamy ndre Mosesy Yaveh__zane le tafara ty nahafatesa reo ana ndre Arona roe lahy, lafa nandeha
narinike ahy Yaveh iareo vaho maty bak'eo. [2]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "Mirehafa amy ndre Arona
rahalahianao vaho talilio re soa tdy ho avy amy ty fotoa iaby agne amy iazew fitoera masy loatse ampo ty efitse
lamba. eo agnoloa ty sarom-pagnavota zay eo amy ty tomobily. Laha manao zane re, le ho maty, satri miseho amy
ty hiboke eo amy iaze sarom-pagnavota Raho.[3]Kea zao ro fomba iavia ndre Arona ao amy iaze toera masy loatse.
Lonike re hizilike miarake amy ty vanton'agnombe lahy ho fagnatitse noho ty haratia, vaho agnondre lahy ho
fagnatitse oroa. [4]Tsy maintse manao akanjo lava masy vita amy ty lamba rongone foty re, vaho tsy maintse
manao akanjo agnatine vita amy ty rongone foty vaho tsy maintse manao satira rongone foty. Reo fisikina masy.
Tsy maintse mampiandro ty vatane amy ty rano re vaho bak'eo misike reo akanjo reo. [5]Tsy maintse mangalake
aose lahy roe bak'amy reo fikambana ty vahoagn'Israely re ho fagnatitse noho ty haratia vaho agnondre lahy
raike ho fagnatitse oroa.[6]Bak'eo lonike Arona hagnomey iaze vanton'agnombe lahy ho fagnatitse noho ty haratia,
zay ho ahy ty vatane, soa hanaova fagnavota ho ahy ty vatane naho ty filongoane. [7]Bak'eo le hanagalaken reo
aose lahy roe re vaho hametrake reo eo agnatreha Yaveh eo amy ty fizilihaao amy ty lay fihaogna.[8]Bak'eo Arona
tsy maintse miloka ahy reo aose roe, loka raike ho ahy Yaveh, vaho ty loka raike hafa ho ahy ty azazela. [9]Tsy
maintse mgnomey iaze eo amy iaze nilavoa ty loka ho ahy Yaveh re Arona bak'eo, vaho magnomey zane aose
zane ho fagnatitse noho ty haratia. [10]Te iaze aose zaiy nilavo ty loka ho ahy iaze azazela le tsy maintse andesy velo
eo agnatreha Yaveh, soa hanaova fagnavota amy ty fandefasa aze manahake ty azazela mandeha agne amy ty
tane tsy misy raraha.[11]Baak'eo Arona le tsy maintse nagnomey iaze vantots'agnombe lahy ho ahy ty fagnatitse
noho ty haratea, ze ho ahy ty vatane. Tsy maintse manao fagnavota ho ahy ty vatane naho ho ahy ty longone re,
le tsy maintse iaze vantots, agnombe lahy ho fagnatitse noho ty haratia ho ahy ty vatane re.[12]Tsy maintse
mangalake fagnandesa afo feno baek'afo bak'eo amy ty alitara eo agnatreha Yaveh re Arona, miarake amy ty lite-
ketae magnitse malinike feno ty tagna, vaho mandesa reo raraha reo ao ampo ty efitse lamba. [13]Aao re ro tsy
maintse mametrake iaze liten-ketae ho ao ampo afo eo agnatreha Yaveh soa hameno iaze feno fanaovam-
pagnavota eo ambony reo lilim-pagnekea iaze hiboke bak'amy iaze liten-ketae. Tsy maintse manao zane re soa
tsy ho maty.[14]Bak'eo le tsy maintse mangalake amy ty lio iaze vantots'agnombe lahy re le hamitsike zane amy ty
tagnane eo agnoloa iaze feno fanaovam-pagnavota. Tsy maintse mamitsike ty sasane amy iaze lio amy ty rambon-
tagnane im-pito eo agnatreha iaze feno fanaovam-pagnavota re.[15]Le hamono iaze aose lahy ho fagnatitse noho ty
haratia zay ho ahy vahoake vaho handay ty lione ho ao ampo ty efitse lamba re. Tsy maintse manao manahake ty
fa nanoene tamy iaze lio ro anoene amy ty lio iaze vantots'agnombe lahy: tsy maintse mamitsike zane eo amy ty
feno fanaovam-pagnavota re vaho bak'eo agnaolo ty feno fanaovam-pagnavota. [16]Tsy maintse manao fagnavota
ho ahy iaze toera masy re noho reo asa maloto ty vahoagn'Israely, naho noho ty filiera iareo naho ty faharatiane
iaby. Tsy maintse manao zane ho ahy ty lay fihoagna avao kea re, zay hitoboha Yaveh eo amy iareo, amy ty
fagnatreha reo asa maloto iareo.[17]Tsy misy tokone ho ao amy ty lay fihoagna lafa mizilike ao amy zane soa hanao
fagnavota ao amy iaze toera masy loatse re Arona, vaho mandra-piboahane ty fagnavota ho ahy ty vatane naho
ahy ty longone, vaho ho ahy ty fikambana ty Israely iaby. [18]Tsy maintse miboake eo amy ty alitara ze eo agnatreha
Yaveh re vaho manao fagnaovota ho ahy zane, vaho tsy maintse mangalake amy ty lio iaze vantots'agnombe
lahynaho ty amy ty lio iaze aose lahy re vho mametrake zane magnodidy ty tsifa ty alitara iaby. [19]Tsy maintse
mamendrake ty antsasane amy iaze lio eo amy zane amy ty tagnane im-pito re soa hagnadiova zane naho
hanokana zane ho ahy Yaveh, lavitsy reo asa maloto vahoagn'Israely.[20]Lafa vitane ty fagnavota ahy iaze toera
masy loatse ty lay fihoagna, naho ty alitara, le tsy maintsse magnomey iaze ose lahy velo re. [21]Tsy maintse
mametrake ty tagnane eo an-doha iaze ose lahy velo re vaho magneke reo faharatia iaby ty vahoagn'Israely, ty
filiera iaby, naho ty faharatiane iaby ei amine. Bak'eo re le tsy maintse mametrake zane haratia zane eo an-doha
iaze ose lahy velo vaho mandefa iaze ose lahy ho andesy ty lehilhy ze vonogne hitarike iaze ose ho agne amy ty
tane tsy misy raraha. [22]tsy maintse andesy iaze ose lahy mandeha agne amy ty tane tsy raraha agne, le tsy maintse
hagnenga iaze ose iaze lehilahy.[23]Bak'eo le tsy maintse mimpoly agne amy ty lay fihaogna re Arona vaho
hangalake reo akanjo rongone foty zay nanaovane mialoha ty nandena ho ao amy iaze toera masy loatse, vaho
tsy maintse magnenga reo akanjo reo ao re. [24]Tsy maintse mampiandro ty vatane amy ty rano agne amy ty toera
masy re, vaho manaop akanjo tsotra; bak'eo le tsy maintse miboake re vaho magnomey ty fagnatine oroa naho ty
fagnatitse oroa ho ahy ty vahoake, vaho amy zane fomba zane le hanao fagnavota ho ahy ty vatane naho ho ahy
ty vahoake.[25]Tsy maintse magnoro sabora amy iaaze fagnatitse noho ty haratia eo amy ty alitara re. [26]Zay nandefa
iaze azazela le tsy maintse manasa ty akanjone naho miandro amy ty rano; afara zane, le himpoly agne amy ty
kianja re.[27]Iaze vantan'omby lahy ho ahy ty fagnatitse ty haratia iaze ose lahy ho ahy ty fagnatitse noho ty haratia,


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

zay nandesy nanaova fagnavota tane amy ty toera masy ty lione, le tsy maintse anddesy ambaliky ty kianja. Agne
iareo ro tsy maintse magnoro ty hagozine, ty nofone, vaho ty tain-drorohane. [28]Iaze lehilahy ze magnoro reo
faritse reo le tsy maintse manasa ty akanjone naho mampiandro ty vatane amy ty rano, afara zane, le tsy himpoly
agne amy ty kianja re.[29]Ho lalàgna zisikam-parane ho anreo amy ty vola faha-fito, amy ty andro fahafolo ty vola
zane, lonike nareo, na ty tompon-tane na ty mbahiny zay miaiagne eo aminareo hagnatre-tegna naho tsy hiasa.
[30]Zane le satria ammy zane andro zane ty fagnavota le ho atao ho anareo, soa hagnadiova anareo amy ty
faharatianareo iaby soa halio eo agnatreha Yaveh nareo. [31]Ho Sabata fitofa mangetriketrike ho anareo zane, vaho
tsy maintse magnetri-tegna naho tsy miasa nareo. Ho lalàgna zisikam-parane eo aminareo zane.[32]Ty mpisorobey,
zay ho hosorogna naho ho tondroy ho mpisorobey eo amy ty toera ty raene, le tsy maintse manao zane fagnavota
zane naho manao reo akanjo rongone foty, zane le, iaze akanjo masy. [33]Tsy maintse manao fagnavota ho ahy iaze
toera masy loatse re; tsy maintse manao fagnavota ho ahy ty lay fihaogna naho ho ahy ty alitara re, vaho tsy
maintse manao fagnavota ho ahy reo mpisoro naho ty vahoake iaby ao amy ty fikambana re.[34]Ho Lalàgna ho
anareo zisikam-parane zane, soa hanaova fagnavota ho ahy ty vahoagn'Israely noho ty haratiane iaby, ndraike
maneha isan-tao." Vita arake ty nandilia Yaveh ahy re Mosesy zane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 17

[1]Nitsara tamy ndre Mosesy Yaveh, nanao tihoe: [2]"Mirehake amy ndre Arona naho reo anandahine, naho amy ty
vahoagn'Israely iaby. Tsarao aiereo zay nandilia Yaveh: [3]"Ty lehilahy ao Israely zay mamono aombe,
anank'aondre, naho ose eo amy ty kianja na mamono zane ambalike ty kianja, soa hanao soro zane__[4]le laha tsy
manday zane eo amy ty fiziliha amy ty anjomaba lay Fihaogna soa hagnatitse zane ho soro ho ahy Yaveh eo
agnoloa ty tabernakeline re, le ho meloke amy ty fandatsaha-dio zane lehilahy zane.[5]Ty anto zane lily zane le ty
soa handesane ty vahoagn'Israely ty soro iareo amy Yaveh eo amy ty fiziliha ao amy ty anjomba fihaogna, soa
homey ty mpisoro ho fagnati-pilongoa amy Yaveh, te tsy hagnatitse soro ao amy ty baibo malalake. [6]Hamendrake
ty lio eo amy ty alitara Yaveh eo amy ty fiziliha ao amy ty ajomba-lay fihaogna ty mpisoro; hagnoro ty loko ho ahy
zane re soa hagnome hagnitse magnitse ho ahy Yaveh.[7]Lonike hagnatitse ty soro iareo amy ty sampe ose sase ty
vahoake, te tamy zane ro nagnanova iareo fijangajanga. Ho lalàgna maharitse eo amy iareo hatramy ty taranake
farane handimbe zane.'[8]Lonike iriha hitalily amy iareo tihoe: 'Na ia na ia lehilahy eo amy ty Israely, na mbahiny
zay mitoboke eo amy iareo, magnatitse fagnatitse oroa na soro [9]le tsy maintse zane eo amy ty fiziliha ao amy ty
ajomba fihaogna soa hanao soro zane ho ahy Yaveh, le lonike ho afaha eo amy ty vahoagne zane lehilahy zane.
[10]Laha misy ndaty amy ty asaveregna ty Israely, na misy mbahine zay mitoboke eo amy iareo mitava lio, le
handrava ty vatako hanohitse zane ndaty zane Raho vaho handany zane ndaty zane eo amy ty vahoagne Raho.
[11]Te ao amy ty lione ty fiay ty biby. Nomeiko anao ty lio zane soa hampisy fagnavota eo amy ty alitara ho ahy ty
fiainareo, satria ty lio ro mampisy fagnavota, te ty lio ro magnonitse ty fiay.[12]Noho zane le nitsara tamy ty
vahoagn'Israely Raho soa tsy hisy hitava lio eo aminareo, na misy hitava lio zay mbahiny mitoboke eo aaminareo.
[13]Na ia na ia amy ty vahoagn'Israely, na zay mbahiny mitoboke amy iareo, ze mihaza naho mamono biby na voro
zay azo tavae, le handrarake ty lio zane vaho handebeke tane iaze lio.[14]Te ao amy ty lione ty fiay ty zaka-boare
iaby. Zane ro nitaliliako tamy ty vahoagn'Israely tihoe: "Lonike nareo Tsy hitava ty lio ty zaka-boaare, satria ao
amy ty lione ty fiay ty zaka-manam-piay iaby. Na ia na ia mitava zane le lonike ho roasine."[15]Ty ndaty kiraikiraike
ze mitava biby fa maty na voaveravera ty bibi-ly, na zana-tane na mbahine iaze ndaty mitoboke eo aminareo, le
lonike re hanasa ty akanjone vaho hampiandro ty vatane amy ty rano, vaho haloto re zisike hahariva ty andro. Le
halio re bak'eo. [16]Te laha tsy manasa ty akanjone na mampiandro ty vatane re, le lonike re hizaka ty helone.'"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 18

[1]Nirehake tamy ndre Mosesy Yaveh, nanao tihoe: [2]"Mirehafa amy ty vahoagn'Israely vaho talilio iareo tihoe:
'Iraho ro Yaveh Andragnaharenare. [3]Ko Ko manao ty zaka zay atao ty vahoake agne Egypta, zay zaka atao ty
vahoake ao Kanana, iaze tane zay handesako anareo. Ko magnarake ty fomba iareo.[4]Ty lalàgnako ro lonike
hanoenareo, vaho reo liliko ro lonike hambenanareo, soa handenanareo eo amy iareo, satria Iraho ri Yaveh
Andragnaharenao. [5]Noho zane le ambeno reo lily miarake amy ty lalàgnako. Laha misy ndaty magneke rey, le ho
velo noho iareo rey. Irsaho ro Yaveh.[6]Lonike tsy hisy ndaty hiarake mandre amy zay ndaty mifandrambe
marinike amine. Iraho ro Yaveh. [7]Ko manalatse ty raenareo amy ty fatoria miarake amy ty renenareo. renenareo
re! Ko manalatse aze. [8]Ko miarake mandre amy reo valen-draenareo; lonike nareo tsy hanalatse ty raenareo
manahake zane.[9]Ko miarake mandre amy zay rahavavinareo, na anak'ampele ty raenareo re na anak'ampela ty
renenareo,na le natsanga tao amy ty ajombanareo na lavitse anreo kea re. Ko miarake mandre amy ty
rahavinareo. [10]Ko miarake mandre amy ty anak'ampela ty anandahinareo na amy ty anandahy ty anagnareo
ampela. Te ho hegnatse ho anareo avao zane. [11]Ko miarake mandre amy ty anak'ampela ty valin-draenareo re,
zay naterake ty raenareo. rahavavinareo re, vaho lonike nareo tsy hiarake mandre amine.[12]Ko miarake-mandre
amy ty rahavavin-draenareo. Longone marinike ty raenareo re. [13]Ko miareke-mandre amy ty rahavavin
darenareo. Longone maifetse ty raenareo re. [14]Ko manalatyse ty rahalahin-draenareo amy ty fiaraha-mandre amy
ty valine. Ko marinike aze amy zane ezake zane kelerenenareo re.[15]Ko miarake-mandre amy ty vinanto
ampelanareo. Valy ty anagnareo re; ko miarake mandre amine. [16]Ko miarake mandre amy ty valin-
drahalahinareo; ko manalatse aze amy zane fomba zane.[17]Ko miarake amy ty anak'ampela raeke naho ty anagne,
na amy ty anak'ampela ty anandahine na amy ty anak'ampela ty anak'ampelane. Longone maifitse aze iareo,
vaho faharatia ty fiaraha-mandre amy iareo. [18]Lonike nareo tsy hanambaly ty rahavavy ty valinareo ho valy
faharoe vaho hiarake mandre amine laha mboe velo ty valinareo voalohane.[19]Ko miarake mandre amy ty ampela
agnate ty mandeha ty lione. Maloto re agnare zane fotoa zane. [20]Ko miarake-mandre amy ty valy ty tanà raike
aminareo le handoto ty vatanareo miarake amine amy zane fomba zane.[21]Lonike nareo tsy hagnomey reo
anagnareo ho atao eo amy ty afo, te manao soro aiereo ho ahy ndre Moloka nareo amy zane, satria tsy mahazo
mandrarate ty tahina ty Andragnahrenareo nareo. Iraho ro Yaveh.[22]Ko miarake-mandre amy ty lehilahy hafa
manahake ty miarake amy ty ampela. Rate zane. [23]Ko miarake-mandre amy ty biby naho mandoto ty vatanreo
miarake amy zane. Lonike tsy hisy ampela hisafiry fiaraha-mandre amy ty biby.fahavetaveta zane.[24]Ko mandoto
ty vatanreo amy reo fomba reo, te tamy reo fomba iaby reo ro nampaloto reo firenena, reo firenena zay ho
roahiko eo agnatrehanareo. [25]Voaloto ty tane, le nililovako ty faharatea iareo, vaho nandoa reo vahoake ty tane.
[26]Noho zane, nareo, le lonike hiamby ty liliko naho ty fitsipiko, vaho lonike nareo tsy hanao reo zaka-mamparihy
reo, na ty zana-tane Israelita zane na ty mbahine zay mitoboke eo aminareo. [27]Te zane ro faharatea fa natao ty
vahoake ty tane, reo zay nitoboke teto talohanareo, vaho voaloto ty tane amy henanezao. [28]Noho zane le
miambena soa tsy haloa ty tane avao kea nareo afara ty nandotoanareo aze, manahake ty nandoavane ty
vahoake zay teo alohanareo.[29]Na ia na ia manao reo zaka-mamparihy reo, reo ndaty ze manao zaka manahake
zane le ho afaha tsy ho eo amy ty vahoagn'iareo. [30]Noho zane le ambeno ty liliko soa tsy hanao reo fomba
mamparihy zay natao teto talohanreo reo, le tsy handotoanareo ty vatanareo amy reo. Iraho ro Yaveh
Andragnaharenareo.'"



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 19

[1]Nirehake tamy ndre Mosesy re Yaveh, nanao tihoe: [2]"Mirehafa amy ty fiangona ty vahoagn'Israely iaby vaho
talilio aiareo tihoe: 'Masy nareo, te Iaraho Yaveh Andragnaharenareo le masy. [3]Lonike ty kiraikiraike hiasy ty
renine naho ty raene, vaho amben ty Sabatako, Iraho ro Yaveh Andragnaharenareo. [4]Ko miodike mandeha amy ty
sampinareo zaka-foa, na mamboatse andragnahare vy ho anareo. Iraho ro Yaveh Andragnaharenareo[5]Laha
magnatitse soro ty fagnatitse filongoa amy Yaveh nareo, lonike hagnatitse zane soa ho hinae. [6]Lonike ho tavae
amy ty andro hagnateranareo aze zane, na amy ty hamarey igne. [7]Laha misy zaka tsy lane zisike iavia ty andro
faha telo, le lonike ho oroa zane. Maloto zane laha mboe hotavae amy ty andro fahatelo. Lonike tsy ho hinae
zane, [8]te ty kiraikiraike ze mitava zane le handay ty helone satria fa nanalatse zay zaka-masy Yaveh re. Lonike ho
afaha eo amy ty vahoagne zane ndaty zane.[9]Laha mamokatse ty vokatse ty tanenareo nareo, le lonike nareo tsy
hamokatse iaby ty zoro ty baibonareo, na kea hamory vokatsareo iaby. [10]Lonike nareo tsy hamory ty voaloboke
iaby amy ty tane-boalobokareo, na hamory ty voaloboke zay milatsake amy ty tane eo amy ty tanem-
boalobokareo. Lonike haponareo irey ho ahy ty tsy mana naho ty mbahine. Iraho ro Yaveh Andragnaharenareo.
[11]Ko mangalatse. Ko mavande. ko mamitake. [12]Ko mifanta vande amy ty Agnarako na mandrarate ty Tahina ty
Andragnaharenareo. Iraho ro Yaveh.[13]Ko mampijale ty mpiray monigne aminareo na mandrava aze. Lonike tsy
hijano miarake aminareo amy ty halike iaby ke zisike ty maraindray ty karama ty mpikarama. [14]Ko magnozo ty gý
na mametrake saka mandavo eo agnoloa ty goa. Te kea, lonike nareo hatahotse ty Anadragnaharenanreo. Iraho
ro Yaveh.[15]Ko disoe ty fitsara. Ko magnete ty vatagn'ondaty satria tsy mana re, vaho ko mivamba vatagn'ondatty
ambone re. Te kea, zakao arake ty fahamarigna ty mpiray monigne aminareo. [16]Ko mirerere magnaparitake
tsikotsiko eo amy ty vahoakenareo, te mpaiavo ty hiarovanareo ty fiay ty mpiray monigne aminareo. Iraho ro
Yaveh.[17]Ko malay ty rahalahinareo amy ty aronareo. Lonike nareo hitsara mafe amy tsy fiantsarabelatsihy ty
mpiray monigne aminareo soa tsy hifampizanareo haratia noho ty amine. [18]Ko mamale fate na mitajake rakine
agn'arofo amy reo vahoagnareo, te kea tiavo ty namanareo manahake ty vatagnareo. Iraho ro Yaveh.[19]Ambeno
reo liliko. Ko magnandra mampagnarake ty bibinareo amy ty karazam-biby hafa. Ko mampiharo ty karazam-boa
samihafa laha mambole amy ty tanem-bole. Ko manday akanjo natao tamy ty zaka roe karaza nampiharoe.[20]Na ia
na ia miarake-mandre amy ty andevo ampela zay voahatake ho vale, feie tsy niviliam-pagnavota na nomea ty
fahafaha, le lonike iareo hosazia. Lonike tsy ho vonoa iareo satria tsy ndaty afake re. [21]Lonike handay ty
fagnatitse noho ty heloke ho ahy Yaveh eo amy ty fiziliha ty ajomba-lay fihaogna ty lehilahy raike-aondre lahy
raike ho fagnatitse noho ty heloke. [22]Le hanao fagnavota ho aze ty mpisoro miarake amy iaze aondre lahy ho
fagnatitse noho ty faharatea ze nataone. Vaho le ho voavela ty haratia vitane.[23]Laha avy eo amy ty tane nareo
vaho mambole reo karazan-ketae fihane ty voane, le lonike nareo hagnenga ty voa zay vokary iareo soa ho
voarara tsy ho tavae. Lonike ho voarara ty voa ho anareo agnate ty telo tao. Lonike tsy hotavae zane. [24]Te amy ty
tao fahaefatse le ho masy iaby ty voa iaby, ho fagnati-piantsa ho ahy Yaveh. [25]Amy ty tao fahadimy le afake hitava
ty voa nareo, satria nandigny nareo soa hazao reo hetae mamokatse bey bey vantae. Iraho ro Yaveh.[26]Ko mitava
herna laha mboe misy lio zane. Ko magnontane ty fagnahy mikasike ty ho avy, vaho ko mip[ay ty hamehy ty hafa
amy ty here mihoatse ty voandragnahare. [27]Ko magnarake ty fahazara ty mpiasa sampy manahake ty fagnarata ty
sisy ty agnambonareo na magnombotse sisine bak'amy ty volom-bavanareo. [28]Ko mandily ty vatagnareo ho ahy ty
maty na magnisy marike tombokase amy ty vatagnareo. Iraho ro Yaveh.[29]Ko manalatse ty anagnareo ampela amy
ty fanaova aze ho mpijangajanga te ho lavo amy ty fijangajanga ty firenena vaho ho feno faharatia ty tane.
[30]Lonike nareo hiamby ty Sabatako vaho hagnomey hasy ty fitoera masy ty tabernakeliko. Iraho ro Yaveh.[31]Ko
mihodike ho agne amy reo ze mirehake amy ty mate na amy ty fagnahy. Ko mipay aiereo, te laha tsy zane
handoto anareo iareo. Iraho ro Yaveh Andragnaharenareo.[32]Lonike nareo hitsanga magnoloa ty ndaty foty voo
vaho hagnomey hasy ty ndaty antitse. Lonike nareo hatahotse ty Andragnaharenareo. Iraho eo Yaveh.[33]laha misy
mbihiny mitiboke ao aminareo eo amy ty tanenareo, le lonike nareo tsy hanao rate aze. [34]Lonike hanahake ty
zana-tane Israelita mitoboke eo aminareo reo mbahiny ze mitoboke miarake aminareo, vaho lonike ho teanareo
manahake ty vatagnareo tane amy ty tane Egypta. Iraho ro Yaveh Andragnaharenareo.[35]Ko mampiasa fametara
diso laha mametarse halava, lanja, hamaroa. [36]Lonike nareo hampiasa vato meza marene, efaha marene vaho
hina marene. Iraho ro Yaveh Andragnaharenareo, zay nanday anareo niboake ty tane Egypta. [37]Inao reo liliko
iaby naho lalàgnako iaby vaho hataovo irey. Iraho ro Yaveh.

Chapter 20

[1]Nirehake tamy ndre Mosesy Yaveh, nanao tihoe: [2]"Talilio amy ty anagn'Israely tihoe: 'Zay iaby eo amy ty
anagn'Israely, na mbahine zay mitoboke agne Israely le magnomey ty anane amy ndre Moloka, le lonike ho maty.
Lonike hitoroke vato aze ty ndaty tane.[3]Hampialy ty vatako amy zane ndaty zane avao kea Raho vaho ho laniko
eo amy reo ndatine, soa handtoa ty toerako masy naho handaraterate ty Tahinako masy. [4]Laha mipy ty masone
amy zane ndaty zane t5y ndaty ty tane lafa magnomey ty anagne amy ndre Moloka, laha tsy mamono aze iareo,
[5]le Iaraho aavao ro hampilialy ty vatako amy zane ndaty zane naho ty fokoane, le holaniko re naho reo hafa iaby
zay mivarotse amy ty vatane soa hijangajanga miarake amy ndre Moloka.[6]Ty ndaty mitolike amy reo zay
mirehake amy ty mate, na reo zay mirehake amy ty fagnahy soa hamarotse ty vatane amy iareo, le hampitsanga
ty vatako amy zane ndaty zane Raho; ho laniko eo amy ty ndatine re. [7]Noho zane hamafiso ty vatanareo vaho
lonike ho masy, satria Iraho iaze Yaveh Andragnaharenareo.[8]Lonike hiamby liliko nareo vaho hagnarake reo. Te
Iraho ro Yaveh zay nanoka anareo ho masy. [9]Lonike ho maty vantae zay iaby magnozo ty raene na ty ranine. Fa
nagnozo ty raene na renene re, le meloke vaho mandrva ho maty.[10]Ty lehilahy zay mamagnitsakitsa-baly amy ty
valy ty ndaty hafa, ty hoe, zay mijangajanga amy ty ragnim-baline__lonike iaze mpijagnajanga naho iaze
nijangajanga sambe ho maty vantae. [11]Ty lehilahy zay miarake mandre amy ty valy ty babane soa handre amine
le fa nanalatse ty raene. Lonike ho mate vantae ty anandahy naho valy ty raene. Meloke iareo vaho maeva ty ho
mate. [12]Laha misy lehilahy miarake-mandre amy ty vinanto ampelane, le lonike sambe ho mate iareo roe. Fa
nanao fahavetaveta iareo. Meloke iareo vaho maeva ty ho mate.[13]Laha misy lehilahy miarake-mandre amy ty
lehilahy hafa, manahake ty miarake amy ty ampela, le sambe fa nanao zaka mamparihy iareo. Lonike ho mate
vantae iareo. Meloke iareo vaho maeva ty ho mate. [14]Laha misy lehilahy manambaly ampela vaho manambaly ty
renene avao kea, le faharatia zane. Lonike ho oroa iareo, re naho iaze ampela, soa tsy hisy faharatea eo
aminareo.[15]Laha misy ndaty miarake-mandre amy ty biby, le lonike ho mate vantae re, vaho lonike nareo
hamono iaze biby. [16]laha misy ampela mamonje biby soa hiarake-mandre amy zane, lonike hamonbo iaze ampela
naho biby nareo. Lonike hi maty vantae iareo. Meloke naho maeva ho mate iareo.[17]Laha misy lehilahy miarek-
mandre amy ty rahavavine, na kea amy ty anak'ampela ty raene na ty anak'ampela ty renene__laha miarake-
mandre amine re vaho re miarake amine, le mahamegnatse zane. Lonike ho alny eo amy ty fagnatreha ty ndatine
iareo, satria niarake-nandre tamy ty anabavine. Le hibabe ty helone re. [18]Laha misy lehilahy miarake-mandre
amy ty ampela agnate ty mandeha ty lione vaho fa niarake-mandre tamine, le fa nampiseho ty lio nadeha tamine,
ty niboaha ty lione re. Le lonike sambe holany tsy ho eo amy ty ndatine iareo roe.[19]Lonike tsy hiarake-mandre
amy ty rahavavin-drenenao iriha, na amy ty rahavin-draenao, satria hanalatse ty longonao maifetse anao iriha.
Tsy maintse hibabe ty helognao iriha. [20]Laha misy lehilahy miarake-mandre amy ty kelerenene, le nanalatse ty
keleraene re. Lafa maty iareo, le sambe ho saziako, vaho lafa maty iareo, le hohalako ty lova iareo zay mete ho
azone bak'amy reo rae aman-drenegne. [21]Laha misy lehilahy manambaly ty valin-drahalahine laha soa velo ty
rahalahine, le fahasalara, zane. Fa nanalatse ty rahalahine re, vaho hohalako amy ty anagne ty fanagna iaby mete
fa nihala iareo bak'amy reo rae aman-drenegne.[22]Kea lonike nareo hiamby ty lily miarake amy ty lalàgnako iaby;
lonike hangneke zane nareo soa tsy handoa anareo ty tane zay handesako anareo soa hitobohanareeo. [23]Lonike
tsy handeha amy ty fomba reo firenena zay horoahiko tsy eo alohanareo nareo, satria fa nanao zane raraha iaby
zane iareo, vahi halako reo.[24]Nanao tihoe Raho aminareo tihoe: "Handova ty tane iareo nareo; hagnomey zane ho
fanagna ho anareo Raho, tane feno ronono naho ty tantele. Iraho iaze Yaveh Andragnaharenareo, zay fa
nagnavake anareo tamy reo ndaty hafa. [25]Noho zane lonike nareo hagnavake ty biby malio naho ty maloto, ty
voro-mitily maloto naho malio. Lonike nareo tsy handoto ty vatanareo amy reo biby maloto na reo voro-mitily na
amy ty zaka-mana-piay iaby ze milale amy ty tane, zay fanavahako ho maloto taminareo.[26]Lonike ho masy nareo,
te Iraho, Yaveh, le masy, vaho fa nagnavake anareo tamy reo ndaty hafa rahi, satria Ahike nareo.[27]Lonike ho maty
vantae ty lehilahy na ty ampela zay mireha amy ty maty na mirehake amy reo fagnahy. Lonike hitora-bato aiereo
ty ndaty. Meloke iareo vaho maeva ty ho mate."'


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 21

[1]Zao ty nata Yaveh tamy ndre Mosesy: "Mirehafa amy reo mpisoro, reo anandahy ndre Arona, vaho talilio iareo
tihoe: 'Lonike tsy hisy na raike aminareo le handoto ty vatane ho noho ty amy reo zay maty eo amy ty ndatine,
[2]afa-tsy reo longone maifitse aze__ty renene, tty raene, ty anandahine, ty anak'ampelane, ty rahalahine, [3]na ty
rahavavine tsy mahasaky lahy zay miankiny amine, ambara-panagnane valy__te mete handoto ty vatane noho ty
amine re.[4]Nefa lonike tsy handoto ty vatane amy ty ndaty hafa re le handoto ty vatane. [5]Lonike reo mpisoro tsy
hagnaratse ty agnambone na hagnaratse reo sisi ty volom-bavane, na hitetike ty vatane. [6]Lonike ho masy amy ty
Andragnaharene iareo vaho tsy hanevateva ty tahina ty Andragnaharene, satria ty mpisoro ro magnomey ty
fagnatitse hotavae ho ahy Yaveh, ty mofo ty Andragnahare iareo.Noho zane zane lonike ho masy reo mpisoro.
[7]Lonike iareo tsy hanambaly ty ampela zay mokorele naho maloto, vaho lonike tsy hanambaly ampela nisara-
baly iareo, satria iareo le voatoko ho ahy ty Andragnahare iareo. [8]Hatokanareo re, satria re iaze magnaomey
mofo ho ahy ty Andragnaharenareo. Lonike ho masy aminareo re, satria Iraho, Yaveh zay magnamasy anareo, le
masy. [9]Ty anak'ampela ty mpisoro zay mandoto ty vatane amy ty fahasalama ho makorele manalatse ty raene. Le
lonike ho oroa re.[10]Zay mpisorobey eo amy reo rahalahine, zay fa nagniligna menake fagnosoro teo amy ty
lohane, vaho zay fa nihamasigne hitafy ty akanjo voatoka ho ahy ty mpisorobey, le lonike tsy hampitsarakorako
ty volone na hanatake ty akanjone. [11]Lonike tsy handeha egne amy zay misy ty faty ty ndaty re le handoto ty
vatane, na ty raene na ty renene kea. [12]Lonike ty mpisorobey tsy hagnenga ty faritse ty fitoera masy ty
tabernakely na hametaveta ty fitoera masy ty Andragnaharene, satria fanihamasigne ho mpisorobe tamy ty alala
ty fagnosora ty menake ty Andragnaharene re. Iraho ro Yaveh.[13]Lonike ty mpisorobey hangalake valy mboe tsy
nahasake lahy. [14]Lonike re tsy hanambaly vantotse, ampela nisara-baly, na ampela makorele. tsy hanambaly zane
karan'ampela zane re. Tsy mahasake lahy bak'amy ty ndatine ro azone valine, [15]Le tsy handotoane ty anane eo
amy ty vahoagne, satria Iraho ro Yaveh, iaze magnamasy aze."'[16]Zao ty nata Yaveh tamy ndre Mosesy, nanao
tihoe: [17]"Mirehafa amy ndre Arona vaho talilio aze tihoe: 'Zay iaby manan-kandra aran-bata amy ty taragnareo
naho ty fara mandimby iareo, le lonike re tsy hamonje le hagnomey mahatanjake ho ahy ty Andragnaharene.
[18]Lonike tsy hamonjy ahy Yaveh ty ndaty iaby zany mana handra ara-bata, manahake ty ndaty tsy afake
mandeha, zay simba tarehena sembana, [19]ty ndaty zai manan-takaitse ty tagna ty tomboke, [20]ty ndaty zay misy
vokoke ao an-dabosine na kaozatina na bory, na misy takaitse ty masone, na misy arete, na arete-maso, lagaly, na
zay voa fa torotoro. [21]Tsy misy ndaty eo amy ty taragne ndre Arona mpisoro mana handra ara-bata le hiharinike
soa hagnatanterake ty fagnatitse atao amy ty afo ho ahy Yaveh. Ty ndaty mana handra ara-bata manahake zane;
le lonike re tsy hiharinike le hagnomey mofo ho ahy ty Aandragnaharene.[22]Afake mitava ty mahatanjake ty
Andragnaharene re, na ty sasane amy reo masy loatse na sasane amy reo masy. [23]Na zane kea, lonike tsy hizilike
ampo ty lamba fanakona na hiharinike ty alitara re, satria mana-kandra ara-bata re, soa tsy mandoto ty toerako
masy, satria iraho ro Yaveh, zay magnamasy reo."' [24]Le nirehafy ndre Mosesy tamy ndre Arona iaby reo tsara reo,
tamy reo anandahine, naho reo anagn'Israely iaby .


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 22

[1]Zao ty nata YAveh tamy ndre Mosesy, nanao tihoe: [2]"Mirehafa amy ndre Arona naho reo anandahine, talilio iareo
soa hiamby reo zaka masy reo anagn'Israely, te voatoko ho Ahike reo. Lonike tsy hanevateva ty Tahinako masy
iareo. Iraho ro Yaveh. [3]Talilio aiereo tihoe: 'Laha misy amy reo taranagnareo amy ty fara aman-dimbinareo
marinike reo zaka masy zay fa voatoka ty anagn'Israely ho ahy Yaveh, nefa maloto re, le lonike ho lany eo
agnatrehako zane ndaty zane: Iraho ro Yaveh.[4]Tsy misy amy reo taragne ndre Arfona zay mana arete hoditse
mifalo. na arete mandeha amy ty lione tsy mijano amy ty vatane, le afake hihina ty soro natao ho ahy Yaveh
ambara-pahalio aze. Zay iaby mikasike ty zaka maloto na mifandray amy ty mate, na amy ty fifandraisa amy ty
lehilahy zay mandeha siperima tsy mijano, [5]na reo iaby mikasike ty biby milaly iaby zay mampaloto aze, na ty
ndaty zay mampaloto aze, na karaza loto ino zane na ino__ [6]le ty mpisoro zay milaly ty zaka maloto iaby le haloto
mandra-pahariva ty andro. Lonike tsy hitava ty amy reo zaka masy iaby re, laha tsy fa nampandro ty vatane
tamy ty rano.[7]Lafa tsofotse ty masoandro le halio re. Afara ty fitsofora ty masondro re ro afake hitava amy reo
zaka masy, satria mahatanjakine reo. [8]Lonike re tsy hitava reo zaka hitane maty na nivonoa ty bibi-ly, zay
handotoane ty vatane. Iraho ro Yaveh. [9]Lonike ty mpisoro hagnarake reo fampianarakop, sao ho meloke amy ty
haratia iareo le ho maty amy ty fametaveta Ahike. Iaro ro Yaveh zay nagnamasy reo.[10]Tsy misy ndaty ambalike ty
longo ty mpisoro, agnate zane ty mbahine ty mpisoro na reo mpiasane mpikarama, afake hitava ty zaka-masy
iaby. [11]Feie laha mivily andevo amy ty ndralane arere ty mpisoro, zane andevo zane le afake hihina amy reo zaka
zay voatoka hao ahy Yaveh. Ty fikamba ty longo ty mpisoro naho reo amndevo terake tao ajombane, iareo avao
kea le afake hihina reo zaka reo miarake amine[12]Laha ty anak'ampela ty mpisoro ro manambaly ndaty zay tsy
mpisoro, le tsy afake ty hitava amy reo anjara fagnatitse masy reo. [13]Te laha vantotse ty anak'ampela ty mpisoro,
na nisara-baly, vaho laha tsy managn'anake re, le mimpoly mitoetse amcy ty ajomban-draene manahake ty tamy
ty mboe kele le afake hihina ty mahatajan-draene. Te tsy misy ndaty zay tsy ao agnate ty longo ty mpisoro afake
hitava amy ty mahatanjaky ty mpisoro.[14]Laha misy ndaty nitava tsy asan'aze ty mahatanjaky masy, le lonike re
hagnonitse zane amy ty mpisoro; lonike re hagnampe raeke ampahadimy zane vaho hampimpoly zane agna amy
ty mpisoro. [15]Lonike ty anagn'Israely tsy hametaveta ty zaka masy zay fa nasondrotse ambone naho nomey ho
ahy Yaveh, [16]vaho tsy hampanday ty vata iareoty faharatea zay magnameloke aiereo amy ty fitava ty mahatanjake
masy, te Iraho ro Yaveh zay magnamasy reo."'[17]Zao ty nata Yaveh tamy ndre Mosesy, nanao tihoe: [18]" Mirehafa
amy ndre Arona naho reo anandahine, vaho amy reo anagn'Israely iaby,. Talilio iareo tihoe: ' Ty Israelita iaby, na
mbahiny mitoboke ao Irsaely, lafa magnomey soro iareo__na hagnatanterake sareke zane, na fagnatitse antsitra-
po, na homey iareo amy ty Yaveh ty fagnatitse oroa, [19]laha ho sitra zane, le lonike iareo hagnomey biby fihare
lahy tsy misy handra, aondre, na ose.[20]Feie lonike nareo tsy hagnomey zay manan-kanndra. Tsy ho tea zane eo
aminareo Raho. [21]Zay iaby magnomey fagnatim-pilongoa bak'amy ty aombe na aondre ho ahy Yaveh soa
hagnatanterake sareke, na fagntitse antsitra-po, le tsy tokone hanakandra zane soa ho sitrake. Lonike tsy hosy
biby manan-kandra.[22]Lonike tsy hagnomey biby goa, sembana, na handra, na zay misy angamay, marere, na fery
nareo. Lonike tsy hagnomey reo amy Yaveh ho soro bak'amy ty afo eo amy ty alitara nareo. [23]Afake magnamey
aombe raike na anak'aondre zay tsy fenofeno na kele ho fagnatitse manahake zane le tsy ho sitrake ho ahy ty
sareke.[24]ko magnomey biby zay fa voatorotoro,potipotike, tatatatake, na vositse ho ahy Yaveh. Ko manao zane ao
amy ty tanenareo. [25]Lonike nareo tsy hagnaomey ty mofo ty Andragnaharenareo bak'amy ty tagna ty mbahine.
Reo biby reo le tsy fenofeno vaho manan-kandra, tsy ho sitrake ho anareo reo."'[26]Nirehake tamy ndre Mosesy
Yvahe vaho nanao tihoe: [27]"Lafa terake ty aombe na ty aondre na ty aose, le tsy maintse mijano fito andro
miarake amy ty renegne zane. Vaho manomboke amy ty andro fahavalo, le azo eke ho fagnatitse natao amy ty afo
ho ahy Yaveh zane.[28]Ko mamono aombe vave n aondre vave miarake amy ty anagne, ao agnate ty ndraik'andro.
[29]Lafa manao soro fagnati-pisaora ho ahy Yaveh nareo, le lonike hanao soro zane amy ty fomba azo inae. [30]Lonike
hotavae amy ty andro zay nanaova soro aze zane. Lonike tsy hisy amponareo ho tratsy ty maraindray zane. Iraho
ro Yaveh.[31]Kea lonike hiamby ty liliko naho hagnatanterake reo nareo. Iraho ro Yaveh. [32]Lonike tsy hagnamavo ty
Tahinako masy nareo. Lonike ho inae ho masy amy ty alala ty anagn'Israely Raho. Iraho ro Yaveh zay nagnamasy
anareo, [33]zay nanday anareo niboake bak'agne Egypta soa ho Andragnaharenareo: Iraho ro Yaveh."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 23

[1]Yaveh nitsara tamy ndre Mosesy tihoe: [2]"Mirehafa amy ty vahaogn'Israely, vaho mitalilia amy iareo tihoe: 'Reto
iaby reo firavoravoa voatendre ho ahy Yaveh, zay tsy maintse antalilinareo ho fiharoa masy; reo ro firavoravoako
mahazatse.[3]Afake miasa agnate ty enign'andro nareo, te andro fahafito le Sabata fitofa iaby, fiharoa masy. Lonike
nareo tsy hiasa satria Sabata ho ahy Yaveh amy ty toera iaby zay hitobohanareo zane.[4]Reto iaby reo firavoravoa
voatendre Yaveh, le reo fiharoa masy zay tsy maintse talilinareo amy ty fotoane voatondro: [5]Amy ty vola
voalohane, amy ty andro fahaefatsy ty vola amy ty takariva, ro Pasky Yaveh. [6]Amy ty andro faha folo-dimy ambe
ioi vola io avao ty Fravoravoa ty Mofo tsy Misy Masirasira ho ahy Yaveh. Agnate ty fito andro nareo le tsy
maintyse mitava mofo tsy misy masirasira.[7]Ty andro voalohane le tsy maintsa atokanareo soa hivory miarake;
tsy hanao reo asa mahazatse anareo nareo. [8]Hagnomey fagnatitse hotave ho ahy Yaveh nareo agnate ty fito
andro. Ty andro fahafito le fiharoa natoka ho ahy Yaveh, amy io andro io nareo le lonike tsy hanao ty asa
mahazatse."'[9]Yaveh nitsara tamy ndre Mosesy, nanao tihoe; [10]"Mirehafa amy ty ndaty ty Israely vaho mitalilia amy
iareo tihoe: 'Laha avyv ao amy ty tane re homeiko anareo nareo, vaho lafa mitsano reo vokatse zane nareo, le tsy
maintse manday ty lohavogne ty voaloham-bokatsy zane ho ahy ty mpisoro. [11]Hanondrotse ty lohavogne zane ho
Aze, te ho sitrake eo aminareo zane. Amy ty andro afara ty Sabata ro hanondrota ty mpisoro zane naho
hagnomezane zane ho Ahike.[12]Amy ty andro zay hanondrotanareo ty lohavogne naho hagnomeza zane ho Ahike,
le tsy maintse magnomey ank'aondre lahy raike herentao naho tsy misy handra ho fagnatitse oroa ho ahy Yaveh
nareo. [13]Ty fagnatitse voa le tsy maintse koba matify roe ampahafolo ty efaha miaro menake, fagnatitse natao
tamy ty afo ho ahy Yaveh, soa hamoake hagnitse sitrake, vaho divay fagnatitse inome, raike ampahefa ty hina
miarake amy zane. [14]Lonike nareo tsy hitava mofo, na vary nendasy na tsotra, mandra-pahaavy ty andro
nandesanareo io fagnatitse io ho ahy ty Andragnaharenareo. Ho lalàgna mipetrake amy ty taragne reo
vahoagnareo, amy ty toera iaby hitobohanreio zane.[15]Manomboke amy ty andro afara ty Sabata__zay andro
nandesanareo ty lohavogne ty fagnatitse ahelahela__lemagnisaha fito heregnandro feno. [16]Hagnisake dimampolo
andro, zay ho andro afara ty Sabata fahafito nareo. Bak'eo le tsy maintse hagnomey fagnatitse vare vaovao ho
ahy Yaveh.[17]Tsy maintse handay mofo roe natao tamy ty roe ampahafolo ty efaha bak'agn'ajombanareo nareo.
Lonike ho vita amy ty koba soa lisa naho mofo misy lalivay reo; ho fagnatitse voaloham-bokatse ahelahela ho ahy
Yaveh reo. [18]Tsy maintse omeinareo miarake amy ty mofo reo anak'aondre lahy fito herentao naho tsy misy
handra, vantats'aombelahy raike, vaho aondrelahy roe. Tsy maintse atao fagnatitse oroa ho ahy Yaveh, miarake
amy ty fagnatitse voagn'Iareo naho ty fagnatine inome reo, fagnatitse zay natao tamy ty afo le mampiboake
hagnitse sitrake ho ahy Yaveh.[19]Tsy maintse magnomey aoselahy raeke ho ahy ty fagnatitse ty heloke nareo, vaho
anak'aondrelahy roe herentao ho ahy ty soro, ho fagnati-pilongoa. [20]Ty mpisoro le tsy maintse magnelahela reo
miarake amy ty mfo reo voaloham-bokatse eo agnatreha Yaveh, vaho magnomey mirake amy reo anak'aondre
roe. Amy reo mpisoro, reo fagnatitse masy ho ahy Yaveh. [21]Amy io andro ioi avao nareo le tsy maintyse manao
fagnambara. Hisy ty fiharoa masy, le tsy hanao ty asa mahazatse nareo. Ho lalàgna mipetrake amy ty taranake
rep vahoakareo amy ty toera iaby hitobohanreo zane[22]lafa mamokatse ty vokatse ty tanenareo nareo, le tsy
tokone hamokatse iaby reo zorone reo baibonareo, vaho tsy tokone hamory zay poke amy ty vokatsareo. Lonike
haponareo ho ahy ty tsy mana naho ahy ty mbahiny reo. Iraho ro Yaveh Andragnaharenareo."'[23]Nirehake tamy
ndre Mosesy Yaveh, nanao tihoe : [24]" Mirehake amy ty vahoagn'Israely vahomireha tihoe: 'Amy ty vola fahafito, ty
andro voaloha zane vola zane le ho fitofa magetreketreke ho anareo, fahatiarova miarake amy ty fitiofa
trompetra, vaho fiharoa ,masy. [25]Lonike nareo tsy hanao ty asa mahazatse, vaho lonike nareo hagnomey soro
natao tamy ty afo ho ahy Yaveh."'[26]le nirehake tamy ndre Mosesy Yaveh nanao tihoe: [27]"Vaho amy ty andro
fahafolo zane vola fahafito zane ro Andro ty Fagnavota. Ho fiharoa masy zane, vaho nareo le tsy maintse
magnambane ty vatanareo vaho magnomey fagnatitse natao tamy ty afo ho ahy Yaveh.[28]Lonike nareo tsy hiasa
amy io andro io satria andro ty Fagnavota ho ahy ty vatanareo eo agnatreha Yaveh Andragnaharenareo. [29]Zay
iaby tsy magntse ty vatane amy io andro io le tsy maintse alà bak'eo amy ty ndatine.[30]na ia na ia miasa amy io
andro io, Iraho, Yaveh, le handrava aze eo amy reo ndatine. [31]Lonike nareo tsy hanao asa amy io andro io na ino
na ino zane. Ho lalàgna mipetrakew amy ty tarana reo vahoakenareo amy ty toera iaby hitobohanareo amy ty
toera iaby hitobohanareo zane. [32]Zane andro zane le tsy maintse ho Sabata fitofa magetriketrike ho anareo, vaho
nareo le tsy maintse magnambane ty vatanareo amy ty andro fahasivy ty vola amy ty hariva. manomboke amy ty
hariva le hatramy ty hariva nareo le hankalaza ty Sabatanareo."'[33]Yaveh nirehake tamy ndre Mosesy, nanao tihoe:
[34]"Mirehake amy ty ndaty ty Israely, manao tihoe: 'Amy ty andro faha folo limy amby ty vola fahafito ro ho
firavoravoa ty Fitsoloha ho ahy Yaveh. Haharitse fito andro zane.[35]Amy ty andro voalohoane le tsy maintse hisy
fiharoa masy. Lonike nareo tsy hanao ty asa mahazatse. [36]Agnate reo fito andro nareo le tsy maintse magnomey


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

sor natao tamy ty afo ho ahy Yaveh. Amy ty andro fahavalo le tsy maintse hisy fiharoa masy, vaho tsy maintse
manao soro amy ty afo amea ho ahy Yaveh nareo. Fiharoa mangetriketrike zane, vaho nareo le lonike tsy hanao
ty asa mahazatse.[37]Reo ro firavoravoa voatendre ho ahy Yaveh, zay tsy maintse antalilinareo ho fiharoa masy soa
hagnomeza soro natao tamy ty afo ho ahy Yaveh, fagnatitse oroa naho fagnatitse vary, soro naho fagnatitse
inome, ty kiraikiraike sambe amy ty andrpne iaby. [38]Reo firovoravoa reo le hiampy reo Sabata Yaveh naho reo
fagnomezanareo, reo sarekinareo iaby, vaho reo fagnatitsareo ahy Yaveh.[39]Miaro ty firavoravoa ty Fitsoloha amy
ty andro faha folo ty vola fahafito, lafa voavorinareo reo vokatse ty tane, le tsy maintse ambenanareo io
firavoravoa Yaveh voalohane le ho fitofa magetriketrike, vaho ty andro fahavalo azao kea le ho fitofa
magetriketrike.[40]Amy ty andro voalohane nareo le tsy maintse mangalake vokatse soa loatse bak'amy reo hetae
nareo, jeba ty hetae rofia, naho jebane bey ravy ao amy ty ala bey, vaho hetae malahelo egne amy reo loharano,
vaho hifale eo agnatreha Yaveh Andragnaharenareo agnate ty fito andro nareo. [41]Agnate reo fito andro isan-tao,
le tsy maintse mankalaza io firovoravo Yaveh io nareo. Ho lalàgna mipetrake amy ty taranagne reo
vahoakanareo zane. Tsy maintse hankalaza io firavoravoa io nareo amy ty vola fahafito.[42]Lonike nareo hitoboke
amy ty fitsoloha kele agnate ty fito andro. Reo Israelita zana-tane iaby le tsy maintse hitoboke amy ty fitsoloha
kele agnate ty fito andro, [43]soa ho afake hianatse ty fomba nampitobohako ty ndaty ty Israely tamy ty fitsoloha
manahake zane lafa nitarihiko niala ty tane Egypta reo taranakareo, ty taranake mifandimby. Iraho ro Yaveh
Andragnaharenareo."' [44]Tamy zane fomba zane, ro natalily ndre Mosesy tamy ty ndaty ty Israely reo firavoravoa
voatedre ho ahy Yaveh.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 24

[1]Nitsara tamy ndre Mosesy Yaveh, nanao tihoe: [2]"Baiko ty ndaty try Israely soa handay menake tsy miharo vita tamy ty oliva ho anao soa ampiasay amy ty fagnazava, soa hirehotse zisikam-parane ty jiro.[3]Arona le tsy maintse mampimpoke ty jiro hirehitse avao ao ambaliky ty lamba fanakona eo agnatreha ty lilim-pagnekea ao amy ty ajomba-lay fihaogna, manomboke ty hariva zisike maraindray. Ho lalágna maharitse zisik'amy tya taragny reo vahoagnareo zane. [4]Ty mpisorobey le tsy maintse miamby ty jiro herihitse avao eo agnatreh Yaveh, reo jiro eo amy ty fitobohan-jiro volamena tsy misy fangarone.[5]Lonike iriha hangalake koba matify vaho hagnende mofo folo roa amby amy zane. Tsy maintse misy roe ampahafolo ty efaha saky y mofo. [6]Bak'eo iriha le hizara zane ho vakine roe, eny amy ty vakiny raike, eo ambony ty latabatse vita tamy ty volamena tsy mifangaro.[7]Lonike iriha hametrak liten-ketae magnitse malio isagny reo fizara mofo ho fagnati-pahatiarova. Io liten-ketae magnitse io le horoa ho ahy Yaveh. [8]Saky ty Sabata ty mpisoro ambo ltsy maitse mametrake zisikam-parane ty mofo eo agnatreha Yaveh ho ahy ty ndaty ty Israely, soa ho famantara ty fagnekea tsy manam-pahatapera. [9]Io fagnatitse io le ho ahy re Arona naho reo anandahine, vaho hotavay iareo eo amy ty toera zay masy zane, satria ampahane bak'amy reo fagnatitse natao tamy ty afo ho ahy Yaveh zane."[10]Vaho nisy anak'ampela Israelita raike, zay Egyptiana ro raene, nandeha teo amy ty vahoagn'Israely. Io anandahy iaze ampela Israelita io le nialy tamy ty Israelita raike tao amy ty kianja. [11]Nitsara rate ty agnara Yaveh naho nagnozo ahy ty Andragnahare eo anandahy iaze ampela Israelita io, le nandesy ty vahoake teo amy ndre Mosesy re. Sebomita ro agnara iaze renene, anak'ampela ndre dibry, bak'amy foko ndre Dana. [12]Nitajahy iareo tao am-pingadra re mandra-pitalilia Yaveh Re vatane ty sitra ty arofone amy iareo.[13]Le nitsara tamy ndre Mosesy Yavehm, nanao tihoe: [14]"Alaoa iaze lehilahy zay nagnozo ahy tyAndragnahare tao ambaliky ty kiaja. Zay iaby mitsani aze le tsy maintse mametrake ty tagnaiareo eo amy ty lohane, vaho lonike ty fiangona iaby hitorake vato aze.[15]Lonike iriha hagnazava amy ty ndaty ty Israely vaho hirehake tihoe: "Zay iaby magnozo ty Andragnahrene le tsy maintse mizaka ty helone. [16]re zay mirehake rate ty agnara Yaveh le tsy maintse ho vonoa vantae. tsy maintse hitora-bato aze vantae ty fiangona iaby, na mbahiny re na zana-tane Israelita. Laha misy ndty mirehake rate ty agnara Yaveh, le tsy maintse vonoa re.[17]Laha misy ndaty mamono ndaty hafa, le azo antoke te tsy maintse ho vonoa re. [18]Laha misy ndaty mamono ty bibi ty ndaty raike hafa, le tsy maintse magnavake zane re. Fiay soloa ty fiay.[19]Laha misy ndaty mandratse ty mpiray monigne amine, le tsy maintse atao amine zay nataone tamy ty mpirayu monigne amine: [20]Fahatapaha solo ty fahatapaha, maso solo ty maso, nife solo ty nife. Satria nandratse ndaty re, le tsy manitse atao amine kea zane. [21]Zay iaby mamono biby raike le tsy maintse magnavake zane, vaho zay iaby mamono ndaty le tsy maintse vonoa. [22]Lonike iriha hana lalàgna ho ahy ty mbahine naho ty zana-tane Israelita, te Iraho ro Yaveh Andragnaharenao."' [23]Kea nirehake tamy ty ndaty ty Israely re Mosesy, vaho nandesy ty ndaty niboake tao ambaliky ty kianja iaze lehilahy, iaze nagnozo ahy Yaveh. Nitarihy iareo tamy ty vato re. reo vahoagn'Israely le nanao arake zay nandilia Yaveh ahy ndre mosesy.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 25

[1]Nitsara tamy ndre Mosesy tegne am-bohitse ndre Sinay Yaveh, nanao tihoe: [2]"Mirehafa amy ty vahoagn'Israely
vaho talilio amy iareo tihoe: 'Lafa mangnagne amy ty tane ze omoeiko anareo nareo, le lonike mba hiamby ty
Sabata ho ahy Yaveh ty tane.[3]Lonike riha hambole eo amy ty baibona agnate ty ene-tao, vaho agnate ty enen-tao
le lonike riha handrantsa ty tanem-boalobokao vaho hamoary ty vokatse. [4]Te amy ty tao fahafito, le lonike ho
ambena ty andro Sabata ty fitofa magnetsiketsike ho ahy ty tane, Sabata ho ahy Yaveh. Lonike riha tsy hambole
egne amy ty baibona na handrantsa ty tanem-boalobokao.[5]Lonike riha tsy hanao famokara voarindra amy ty
zaka-iaby matire ho aze, vaho lonike riha tsy hanao famokara voalame amy ty voaloboke iaby ze mitombo eo
amy ty voalobokao ze tsy voarantsa. Ho taom-pitofa magnetsiketsike ho ahy ty tane zane. [6]Ze mitire eo amy ty
tane tsy niasà agnate ty tao ty Sabata ro ho sakafonao. Riha, reo mpiasanao lehilahy naho ampela, reo mpiasa
karamanao vaho reo vahine ze mitoboke miarake aminao ro lonike hamore hane, [7]vaho ty biby fiharenao naho
reo biby maly ro lonike hihina ze iaby vokary ty tane.[8]Lonike riha hagnisake sabata fito amy ty tao, zane hoe, im-
pito sake ty fito tao, soa hisy Sabata fito ty tao, efapolo sivy amby tao ty fiharoane. [9]Le lonike riha hitioke
Anjomara mafe na aia na aia amy ty andro fahafolo ty vola fahafito. Amy ty andro fagnavota le lonike riha
hitioke anjomara magnera ty tanenao iaby.[10]Lonike riha hanoka ty tao fahadimpolo ho ahy Yaveh vaho
hagnambara ty fahafaha magnera ty tane amy ty vahoake iaby. Ho jobile ho anao zane, ze tsy maintse
hampimpolia reo fanagna naho reo ondevo agne amy reo longone.[11]Ho jobily ho anao ty fahadimam-polo tao.
Lonike riha tsy hambole na handay famokara voalame . Mihinà ze iaby mitiry hoaze, vaho avorio reo voaloboke
ze mitombo eo amy ty tanem-boaloboke tsy voarantsa. [12]Te Jobily, ze ho mase ho anao zane. Lonike riha hitava ty
hokatse ze mitire ho aze ambalike reo baibo.[13]Lonike hampole ty kiraikiraike agne amy ty zara-tanine avao riha
amy zane tao ty Jobile zane. [14]Laha mivarotse tane amy ty namanao riha na mivily tane bak'amy ty namano, le
lonike nareo tsy hifamitake na hifanao rate.[15]Laha mivily tane amy ty namanao riha, safirio ty isa ty tao naho ty
vokatse ze azo vakore zisike-hiavia ty Jobile magnarake. Lonike avao kea lty namanao mivarotse iaze tane
hisafiry zane. [16]Ty hamaro ty sake ty tao zisikem-piavia ty Jobile magnarake ro hampitombo ty lanja ty tane, vaho
ty hakele ty isa ty tao zisike-hiavia ty jobile magnarake ro hampihena ty lanja. Satria ty isa ty vokatse ho vokare
ty tane ho ahy ty tompone vaovao mitovy amy ty saky ty tao mialoha ty Jobily magnarake. [17]Lonike nareo tsy
hamitake na hifanao rate; te kea ; lonike riha hagnomey hase ahy Andragnaharenao, te Raho ro Yaveh
Andragnaharenao.[18]Noho zane le lonike hagneke reo liliko, hiamby reo lalàko, vaho hamita aiereo. Le hitoboke
amy ty tane am-pilamina riha. [19]Hagnomey vokane ty tane, vaho hitave riha ka ho voke vaho hitoboke agne am-
pilamina ao.[20]Mete hitsara riha tihoe: "Ino ro hotavainay agnate iaze tao fahafito? Ingo, tsy afake mambole na
momory ty vokatse zahay." [21]Handily ty fitahiako Raho soa ho ave aminareo amy ty tao fahaene, vaho hamokatse
vokatse ampe agnate ty telo tao zane. [22]Hambole riha amy ty tao fahavalo vaho hanohy hitava bak'amy ty vokatse
ty tao teo aloha naho ty hane voahaja. Zisike hiavia ty famokara amy ty tao fahasivy, le afake hitava bak'amy ty
vatia voahaja tamy ty tao teo aloha riha.[23]Lonike tsy hamily amy ty tompo vaovao ty tane, satria Ahhike ty tane.
Bahine iaby nareo vaho mpitoboke mandalo eo amy ty taneko. [24]Lonike riha handinike ty zo ty fagnavota ho ahy
ty tane iaby ze azonao; lonike riha hapipoke ty tane himpole hovily ty longo ze nivilianao zane. [25]Laha avy mijale
ty Israelita namanao vaho noho zane antone zane ro nivarotane ty sasane amy ty tanagnane, le mete ho ave ty
longone marine loatse vaho hivily ty fanagna ze naviline taminao.[26]Laha tsy manan-dongo soa hagnavotse ty
fanagnane ty lehilahy raike, feie laha tahiene reke vaho mana fahafaha hagnavotse zane, [27]le hikonte ty tao
hatramy ty nimalia ty tane naho nagnonera ndraike ty fandanja tamy iaze ndaty ze nivarotane zane re. Le
himpole agne amy ty fanagnane avao re. [28]Te laha ohatse ka tsy afake mampimpole ty tane ho aze avao reke, le
hijano ho fanagna iaze nivily zane hatramy ty tao ty Jobily ty tane. Amy ty tao ty Jobile, le hampole amy ty
lehilahy ze nivarotse zane ty tane, vaho ty vatane tompone himpole amy ty fanagnane.[29]Laha mivarotse tagno
agne amy ty tanà milakoro ty lehilehy raike, le mete hivily zane ndraike agnate ty tao raike iaby reke afara ty
nahaletake zane. Te agnate ty tao raike iaby le hana ty zo ty fagnavota reke. [30]Laha tsy avotse agnate ty tao raike
iaby ty tragno, le ho fanagnana zisikam-parane ho ahy ty ndaty ze nivily zane ty tragno ao amy ty tanà milakoro
vato, ka hatramy ty taranane hisolo. Le tsy ho himpoly zane tragno zane amy ty tao Jobile.[31]Te reo tragno reo
vohitse ze tsy misy lakoro vato magnodidy aiereo reo le himpole ho manahake ty baibo ty tane. Havota iareo,
vaho tsy maintse hampole agnate ty tao ty Jobile. [32]Na zane ka, ty tragno reo Levita ao an-tanà iareo le ho avotse
amy ty fotoa iaby.[33]Laha tsy magnavotse ty tragno ze naviline ty raike amy reo Levita, le tsy maintse hampimpole
amy ty tao ty Jobile ty tragno ze naviline tao an-tanà nise aze, te tanagna iareo amy ty vahoagn'Israely reo tragno
ty tanà ty Levita. [34]Te reo baibo magnodidy ty tanàne le tsy azo avile satria fanagna mipiteke reo Levita zane.
[35]Laha lasa minjale ty mpiray tanendraza aminao, ka tsy afake mamokatse ho aze sase reke' le lonike riha

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

hagnampe aze manahake ty hagnampeanao bahine na ndaty raike ze mitoboke manahaka ty mpivahine eo
aminao. [36]Ka mangalake tombone amine namagnansra magnararaotse aze amy ty iaby, te magnomeza hase ty
Andragnaharenao soa ho afake hiay miarake aminao reo rahalahinao. [37]Ka mampitrosa vola aze vaho mangalake
anakan-drala amine, na mivarotse amine ty haninao mba hazahoa tombone. [38]Raho ro Yaveh Andragnaharenao ,
ze nanday anao niboake ty tane Egypta, mba hazahoako magnomey anao ty tane Kanana, vaho hahaavy Ahike ho
Andragnaharenao.[39]Laha lasa minjale ty mpiray tanendraza aminao vaho mivarotse ty vatane aminao, lonike
riha tsy hampiasa aze manahake ty andevo. [40]Ataovo manahake ty mpiasa karamay reke. Lonike reke ho
manahake ty ndaty ze miaigne miarake aminao amy ty fotoa voafetra. Hiasa hiareke aminao hatramy ty tao ty
Jobile reke. [41]Bak'eo le hiala aminao re, reke naho reo anane miarake amine, vaho himpole agne amy ty flongone
naho ty fanagna ty babane reke.[42]Te mpiasako ze nandesiko niboake ty tane Egypta iareo. Tsy havily manahake
reo andevo iareo. [43]Lonike riha tsy handay aiereo amy ty haratea, te lonike riha hagnomey hase ty
Andragnaharenao. [44]Laha ty amy reo andevo lehilahy naho ampela, ze azonao ala bak'amy reo firenena ze
mitoboke magnodide anao, le afake hivily andevo bak'amy iareo riha.[45]Afake mivily ondevo bak'amy reo vahine
ze mitoboke eo aminao avao kea riha, le ze bak'amy reo longo ze miarake aminao, anjaja ze terake tao amy ty
tanenao. Ho avy fanagnanao iareo. [46]Hamokatse ondevo manahake zane ho lova ho ahy reo ananao afara, mba
hotana ho fanagna riha. Bak'amy iareo sakis'andro ro hivilianaoreo andevonao, te lonike riha tsy handay an-
kozatse reo rahalahinao amy reo vahoagn'Israely.[47]Laha avy mpagnarivo ty vahine na ty ndaty ze miaigne
miarake aminao amy ty fotoa voafetra, vaho laha lasa minjale ty raike amy ty Israelita namanao ka mamarotse ty
vatane amy zane vahine zane, na amy ty ndaty ao longo ty vahine, [48]lafa voavily ty Israelita namanao, le afake
vilie ndraike reke. Hagnavotse aze ty raike ao amy ty longone.[49]Mete ho rahalahy ty baba iaze ndaty, na ana-
drahalahy ty babane, ro magnavotse aze, na ndaty ze longone marinike bak'amy ty longone. Na, laha avy
mpagnarivo reke. le afake hagnavotse ty vatane. [50]Lonike reke hifagnarake amy ty ndaty ze nivliy aze; lonike
iareo hagnisake ty tao manomboke ty tao nahaletake aze tamy ty mpivily aze le hatramy ty tao ty Jobile. Lonike ty
vily ty fagnavota aze ho dinehe miarake amy ty manahake ty vily ty mpiasa nikaramay. ho ahy ty sake ty tao.
[51]Laha mbo misy tao maro zisike-piavia ty tao Jobile, lonike reke himpole handoa vilin-drala manahake ty vily ty
fagnavota ze mifandanja amy ty isagn'reo tao. [52]Laha ohatse ka tao kele avao sisa zisike-piavia ty tao ty Jobile, le
tsy maintse mifagnarake amy ty mpivile aze re soa hahisaha ty isa ty tao sisa ambine mialoha ty tao ty Jobile,
vaho lonike reke handao ho ahy ty fagnavotane mifagnarake amy ty isa ty tao.[53]Hatao manahake ty lehilahy
nikarama sakisa tao reke. Lonike ho azonao antgoke te tsy handay aze amin-kozatse vatane riha. [54]Laha tsy avotse
amy zane reke, le lonike re hanompo hatramy ty tao ty Jobile, reke naho reo anane miarake amine. [55]Amiko le
mpiasa ty vahoagn'Israely. Mpiasako ze nandeseko niboake ty tane Egypta iareo. Raho ro Yaveh
Andragnaharenao."'

Chapter 26

[1]"Lonike Nareo tsy hanao reo sampy, na hampitsanga sarin-jaka voasokitse na tsangnam-bato mase, vaho lonike
nareo tsy hametrake sary vato voasokitse ao amy ty tanenareo ze hihofanareo. [2]Lonike hiambe reo Sabatako
naho hagnomey hase ty fitoerako mase nareo. Raho ro Yaveh.[3]Laha magnarake reo lalàko naho miamby reo liliko
vaho magneke zane nareo, [4]le hagnome ora anareo amy ty fotoane Raho; hagnomey ty vokane ty tane, vaho reo
hazo ty baibo hamokatse reo voane.[5]Vaho ty famofam-bare le hitohy amy ty fotoa ty fihaza voaloboke, vaho
hikisake hatramy ty fotoam-pambolea ty vokatse voaloboke. Hitava ty mofonareo mandra-pahavoke anareo vaho
hiagne am-pilamina agne amy ze nataonareo fitoboha ao amy ty tane. [6]Hagnomey anareo ao amy ty tane Raho;
handre miarake amy ty zaka tsy hampatahotse anareo nareo, Handane reo biby mandoza amy ty tane Raho, vaho
tsy handolo amy ty tanenareo ty mesa bey.[7]Hagnenjeke reo fahavalonareo nareo ka ho lavo eo agnoloanareo amy
ty alala ty mesa bey iareo. [8]Dimy aminareo hagnenjeke zato, vaho zato aminareo hagnenjeke ray ale; ho lavo eo
agnoloanareo amy ty alala ty mesa bey reo fahavalonareo.[9]Vamba nareo amy ty fitea Raho vaho hampamokatse
naho hampitombo isa nareo; hametrake ty faagnekeko aminareo Raho. [10]Hitava reo hane voahaja amy ty fotoa
maharitse nareo. Tsy maintse hamoake reo sakafo voahaja nareo satria hilanareo ho ahy ty vokatse vaovao ty
efitse.[11]Hametrake ty tabernakeliko eo aminareo Raho, vaho tsy halay anareo Raho. [12]Handeha eo aminareo Raho
vaho ho Andragnaharenao, vaho nareo nareo ho ndatiko. [13]Raho ro Yaveh Andragnaharenareo ze nanday anareo
niboake ty tane Egypta,soa tsy ondevo iareo nareo, nanapake ty hizotso ty jonganareo raho vaho nampandeha
anareo mahity.[14]Te laha tsy hinjanje Ahike nareo, vaho tsy hagneke reo liliko iaby, [15]vaho laha tsy magneke reo
liliko naho malay reo lalàko, vaho tsy magneke reo liliko iaby nareo, te hivalihanareo ty fagnekeko__[16]__laha
manao reo raraha reo nareo, le hanao zao aminareo Raho: Hampise horohoro aminareo Raho, arete naho tazo ze
hanimba ty maso naho hanimba ty fiaignareo. Hambole reo voa ho zaka-foa nareo, satria reo fahavalonao reo ro
hitava ty vokane. [17] Hampeloke ty vatako hanohitse anreo Raho, vaho hanjaka reo fahavalonareo vatane nareo.
Hanapake anao reo lehilahy ze malay anao, le hilay riha, na le tsy misy na raike ka magnenjeke anao.[18]Laha tsy
minjanjeke reo liliko nareo, le hagnafay amy ty siake anareo im-pito noho ty faharatea nareo Raho. [19]Handrava ty
avognavognavonareo agnate ty tajagnareo Raho. Hanao ty lagitse eo am-bonenareo ho manahake ty vy Raho
vaho ty tanenareo manahake ty varahina. [20]Hampandinike amy ty zaka-foa ty tanjakareo, satria tsy hamokatse ty
vokane ty tanenareo, vaho reo hetae ao amy ty tane le tsy hamokatse reo voane.[21]Laha mandeha manohitse Ahike
nareo vaho tsy hinjanje Ahike, handay famofaha im-pito ambone mihoatse eo aminareo Raho, arake ty
faharateanareo. [22]Handefa reo biby mandoza hanohitse anareo Raho, ze hangalatse re anakareo, handrava ty
biby fiharenareo, vaho hahakele isake anareo. Ka ho avy mate ty lalanareo[23]Na le eo ka zane raraha zane ka mbo
tsy magnake ty fagnitsiako avao naeo vaho mandeha manohitse Ahike hatragne, [24]le handeha hanohitse anreo
avao kea Raho, le Raho vatane ro handilo anareo im-pito noho reo faharatianareo.[25]Handay meso bey eo
aminareo Raho ze hagnatanterake ty famalia noho ty fivadiha tamy ty fagnekeko. Havoriko miarake ao an-
tanànareo nareo, le handefa arete eo aminareo agne Raho, le hagnomey ho eo an-tagna reo fahavalonareo nareo.
[26]Lafa hotapahiko ty sakafo vatianareo, le ampela folo le hahavita hagnende ty mofonareo agnete laforo raike, le
hizara ty mofonareo ara-danja iareo. Hitava nareo te tsy ho afa-po.[27]Laha tsy minjanje Ahike nareo na le eo ka
regne raraha regne, te mbo mandeha manohitse Ahike hatragne, [28]le handeha hanohitse anareo amy siake
hatragne Raho, vaho hagnafay Raho, vaho handilo anareo im-pito ambone mihoatse noho ty faharatianareo.
[29]Hitava ty nofo reo anandahinareo nareo; hitava ty nofo reo anak'ampelanareo. [30]Handrava reo fitobohanareo
ambone Raho, Hanapake reo alitara ty litin-ketae magnitse, vaho hagnare ty fatinareo eo ambone fate reo
sampinareo, le Raho vatane ro halay anareo.[31]hamadike reo tanànareo ho faharava Raho vaho handrava reo
fiitobohanareo mase. Tsy ho fale amy ty hagnitsy reo fagnatitsareo Raho. [32]Handrava ty tanenareo Raho. Reo
fahavalonareo ze hitoboke agne le ho vere amy ty farava. [33]Hampiele anareo magnera reo firenena Raho, vaho
hagnatsoake ty mesako naho hagnarake anareo Raho. Henga ty tanenareo, vaho ho rava reo tanànareo[34]Le hitea
ty Sabatane ty tane agnate ty handreane ho lane vaho ho ao amy ty tane ty fahavalonareo nareo. Agnate zane
fotoa zane, hitofa ty tane ka hitea reo sabatane. [35]Laha mbo handre ho lane zane, le hana fitofa , ze ho fitofa tsy
azone tamy ty Sabatanareo, lafa nitoboke tao nareo. [36]Vaho ty amy ty sasane aminareo ze napoke agne amy ty
tane reo fahavalonaoreo, le handefa tahotse amy ty arofonareo Raho ka na le ravin-ketae voatioke ty tioke ka le
hanaitse anareo, le hilay manahake ty tihoe nilay amy ty meso nareo. Holavo iriha, nale tsy misy na ia na ia
magnejeke ka.[37]Ho tafintohe eo amy ty kiraikiraike manahake ty tihoe milay meso nareo, na le tsy misy na ia na ia
ka magnenjeke anreo. tsy hana here hitsanga magnoloa reo fahavalonareo nareo. [38]Ho mate agne amy reo
firenena nareo, vaho handrapake anreo reo tane ty fahavalonareo. [39]Reo ze sisa tavela aminareo le ho vere ao
agnete ty faharatea iareo, ao amy ty tane reo fahavolonareo, vaho noho reo heloke ty razambey iareo le hotarere

iareo.[40]Te laha magneke reo haratianao naho ty faharatia reo razambeine iareo, naho reo famadiha ze tsy
nahatokisa tamiko, vaho kea ty fandehana manohitse Ahike__[41]ze nahaave Ahike hivalike amy iareo vaho
nandesako aiereo tagne amy ty tane reo fahavalone__ laha miambane ty arofo tsy voatapake iareo, vaho laha
manaike ty fandilovako ho ahy reo faharateane iareo, [42]le hotiarovako ty fagnekeko niarake tamy ndre Jakoba, ty
fagnekeko niarake tamy ndre Isaka, vaho ty fagnekeko niarake tamy ndre Abrahama; hotiaroko avao kea ty tane.
[43]Henga iareo ty tane, ka ho fale miarake amy ty Sabatane zane agnate ty handreane ho lane tsy misy aiereo. Ka
tsy maintse hanohitse ho ahy reo haratine iareo satria iareo vatane ro nandà reo fitsipiko naho nalay reo lalàko.
[44]Te na le eo ka zane iaby zane, lafa agne an-tanene reo fahavalone iareo. le tsy hagnare aiereo Raho, na halay aze
ka handrava vatane aiereo naho fagnafoagna ty fagnekeko nairake tamy iareo, te Iraho ro Yaveh Andragnahare
iareo. [45]Te hotiaroko ho aiereo ty fagneke niarake tamyeo razambeine, amaso reo firenena, mba ho Andragnahare
iareo Raho. Iraho Yaveh."[46]Reo ro lile, fitsipike, vaho lalàgna ze natao Yaveh teo Amine naho ty vahoagn'Israely
tagne am-bohitse ndre Sinay tamy ty alala ndre Mosesy.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 27

[1]Nitsara tamy ndre Mosesy Yaveh nanao tihoe: [2]"Miresafa amy ty vahoagn'Israely ka talilio iareo tihoe: 'Laha misy
ndaty manao sareke miavake amy Yaveh, le ampiasao reo vatovato ty viline mifagnarake amine.[3]Ty hasoa ty
vatovatonao ho ahy ty lehilahy manomboke amy ty roapolo le hatramy ty enimpolo tao le tsy maintse sekele
volafote dimapolo, arake ty sekele ty fitoera mase. [4]Ho ahy ty ampela amy zane tao zane le sekele telopolo ty
hasoa ty vatovatonao.[5]Ty hasoa ty vatovatonao amy ty dimy hatramy ty roapolo tao le tsy maintse sekele roapolo,
vaoha ho ahy ty ampela le sekele folo. [6]Ty hasoa ty vatovatonao ho ahy ty lehilahy vola raike hatramy ty dimy tao
le tsy maintse sekele volafote dimy, vaho sekele volafote telo ho ahy ty ampela.[7]Ty hasoa ty vatovatonao ho ahy
lehilahy enempolo tao ro miakatse le tsy maintse sekele folo dimy ambe,, vaho ahy ty ampela le sekele folo. [8]Feie
laha tsy afake ty handoa ty hasoa ty vatovato iaze ndaty manao ty sareke, le tsy maintse aseho agne amy ty
mpisoro iaze ndaty atolotse, vaho hamatovato zane ndaty zane amy ty viline zaka iaze manao ty sareke ty
mpisoro.[9]Laha misy ndaty magniry hanao soro biby ho ahy Yaveh, ka laha eke Yaveh zane, le ho voatoka ho Aze
zane biby zane. [10]Lonike iaze ndaty tsy hagnova na hamadike biby manahake zane, ty soa ho amy ty rate na rate
ho amy ty soa. Laha mampifamadike biby raike ho amy ty biby raike hafa reke, le samy avy mase na zane na ty
raike ze nampifamadiha tamine.[11]Feie, laha toa ka maloto iaze nanaova iaze ndaty sareke homey ahy Yaveh, le tsy
maintse handay iaze biby agne amy ty mpisoro iaze ndaty. [12]Hamatovato zane ty mpisoro, arake ty vatovato
ivarota ty biby. Na ino na ino vatovato apoke ty mpisoro amy iaze biby, le zane ro ho vatovatone. [13]Laha magniry
ty hagnavotse zane ty tompone, le magnampe ambone dimy mihoatse vatovato ty viline ao amy ty vilim-
pagnavota zane.[14]Lafa misoro ty tragnone ho fagnomeza mase ho ahy Yaveh ty lehilahy raike, le hamatovato zane
ty mpisoro na ho soa na ho rate. Na ino na ino hamantovatoa ty mpisoro zane le zane ro ho ie. [15]Feie laha
magniry hagnavotse zane ty tompone ze nanoka ty fitobohane, le tsy maintse magnampe raike ampahadime ty
vatovato ty viline ao amy ty vilim-pagnavota zane reke, ka ho aze zane.[16]Laha misoro ty sasane amy ty tanine
avao ty lehilahy raike, le ho arakarake ty lanja ty voa paia vole amy zane ro ho vatovato ty viline-vare hordea
raike homera ho vatovatoa sekele volafote dimapolo.[17]Laha ohatse ka misoro ty baibone agnate ty tao ty jobile re,
le hijano amy zane avao ty vatovato ty viline. [18] Feie laha misoro ty baibone afara ty taon-jobile kea reke, le lonike
hokonte ty mpisoro ty vatovato ty baibo arake ty isake ty tao sisa zisike-pahaave ty taon-jobile magnarake, vaho
tsy maintse hahena ty vatovato ty vily zane.[19]Laha magnire hagnavotse ty baibone iaze lehilahy ze nanoka zane,
le tsy maintse magnampe raike ampahadiny ty vatovato ty viline reke, le ho aze zane. [20]Laha tsy hagnavotse ty
baibo kea reke, na nivarotane tamy ndaty hafa iaze baibo, le tsy azo avota sase zane. [21]Te kea, iaze baibo, lafa
amboake amy ty taon-jobile, le ho fagnomeza mase ho ahy Yaveh zane, manahake ho ahy Yaveh. Ho ahy ty
mpisoro zane.[22]Laha manoka baibo ze baka niviliane ty lehilahy raike, feie tsy agnisa ty tanen-drazane zane
baibone zane, [23]le ho dinihedihe ty mpisoro ty vatovato ty vily zane hatramy ty tao ty jobile, ka tsy maintse aloa
iaze lehilahy ho fagnomeza mase ho ahy Yaveh ty vatovato zane amy zane andro zane.[24]Amy ty tao ty jobile, le
himpole agne amy iaze lehilahy ze niviliana zane ty tane agne amy ty tompo ty tane. [25]Ty vatoavato ty vily iaby le
tsy maintse atao arake ty lanja ty sekele ty fitoera mase. Tsy maintse gera roapolo ro tandrife amy ty sekele raike.
[26]Tsy misy mahazo manoka ty terake voalohane amy ty biby, satria ty terake voalohane le fa ahy Yaveh; na aombe
na aondre, ahy Yaveh zane. [27]Laha ohatse ka biby maloto zane, le mahazo mivily zane amy ty vatovato ty viline
ndraike iaze tompone, vaho tsy maintse magnampe raike ampahadimy ty vatovato zane. Te laha tsy avotse kea
iaze biby, le ho avile amy ty vatovatone voatondro zane.[28]Te tsy misy zaka ze atoka ty lehilahy raike ho ahy Yaveh,
bak'amy ze iaby agnane, na ondaty na biby, na ty tanen-drazane, le afake avile na avota. Ze iaby natoka le mase
loatse ho ahy Yaveh. [29]Tsy misy vilim-pagnavota azo aloa ho ahy ty ndaty ze voatoka ho amy ty faharava. Tsy
maintse vonoa zane ndaty zane.[30]Ty ampahafolo ty vokatse iaby ty tane, navole egne amy ty tane zane na vokatse
bak'amy ty hetae, le ahy Yaveh. Mase ho ahy Yaveh zane. [31]Laha hagnavotse ty ampahafolo ty vokane ty lehilahy
raike, le tsy maintse magnampe ambone ty dimy mihoatse amy ty votovato zane reke.[32]Laha ty amy ty
ampahafolo ty aombe na ondre, na ino na ino mandalo eo ambane fifiake ty mpiarak'aondre, ty raike
ampahafolo zane le tsy maintse atoka ho ahy Yaveh. [33]Lonike tsy hipay ty biby soa na ty rate ty mpiarake, lonike
re tsy hampifamalike zane. Laha ohatse ka manakalo zane re, le samy mase iaby na zane na iaze takalone. Tsy
azo avota zane.[34]Reo iaby ro lily nomey Yaveh ho ahy ndre Mosesy ho ahy ty vahoagn'Israely tagne am-bohitse
Sinay.

# Numbers

Chapter 1


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

[1]Nitsara tamy ndre Mosesy teo amy ty anjomba-lay fihaogna tagne an-tane tsy misy raraha Ndre sinay Yaveh.
Niuserhi zane tamy ty andro voalohane tamy ty vola faharoa agnate ty tao faharoe tafara ty niboaha ty
vahaogn'Israely bak'agne Egypta. Nanao tihoe Yaveh: [2]" Mitariha fagnisam-bahoake amy reo lehilahy Ndr'Israely
iaby iaby isa tokone, ao amy ty longo ty baba iareo. Isao amy ty agnarane iareo. Isao ty lehilahy iaby, ty lehilahy
kiraikiraike iaby [3]ze roapolo tao na mihoatse. Isao iaby reo zay afake mialy ho maramila ho ahy ty Israely. Lonike
ho rabesinao naho Arona an-tsoratse ty isahyreo lehilahy amy ty antoko iareo mitanjake fialia.[4]Lehilahy raike
bak'amy ty foko kirairaike iaby, lohan'antoko raike, ro lonike hiasa miarak'aminao ho mpitarike fokone. Ty
mpitarike kiraikiraike iaby le tsy maintse mitarika reo lehilahy zay hialy ho ahy ty fokone. [5]Reo ty agnara reo
mpitarike zay tsy maintse mialy miarake aminao: Bak'amy ty foko ndre Robena, Elizoro ana ndre Sedeora;
[6]bak'amy ty foko ndre Simeona, Selomiela andre Zorisaday;[7]bak'amy ty foko ndre Joda, Nasona ana ndre
Aminadaba; [8]bak'amy ty foko ndre Isakara, Nitanela ana ndre Zoara; [9]bak'amy ty foko ndre Zebolona, Eliaba ana
ndre Helona;[10]bak'amy ty foko ndre Efraima ana ndre Josefa, Elisama ana ndre Ahimoda; bak'amy ty foko ndre
Manase, Gamaliela ana ndre Pedazora; [11]bak'amy ty foko ndre Benjamina, Abidana anandre Gideone;[12]bak'amy ty
foko ndre Dana, Ahiezera ana ndre Amisaday; [13]bak'amy ty foko ndre Asera, Fagiela ana ndre Okrana; [14]bak'amy
ty foko ndre Gada, Eliasafa ana ndre Doela; [15]vaho bak'amy ty foko ndre Naftaly, Ahira ana ndre Enana."[16]Reo ro
lehilahy voatondro teo amy ty ndaty. Nitarike ty foko ty razambeine iareo. Re reo ro mpitarike reo antoko tao
Israely.[17]Nala ndre Moessy naho Arona reo lehilahy reo, zay nitanane an-tsoratse arake ty agnara, [18]vaho niarake
tamy reo lehilahy reo le navory iareo ty lehilahy iaby tamy ndre Israely tamy ty andro vaoloha ty volo faharoe.
Vaho ty lehilahy roapolo tao na mihoatse kiraikiraike iaby le namantatse ty razambeine. Tsy maintse nagnomey
agnara reo antoko naho longo taranagne iaby amy ty razambeine reke. [19]Le nitana ndre mosesy an-tsoratse ty
isagn'iareo tagne an-tane amy ty tane tsy raraha ndre Sinay, arake ty nandilia ndre Yaveh hataone.[20]Nifase ty
agnara ty lehilahy iaby ze roapolo tao na mihoatse affake mandeha agn'aly bak'amy ty taranagne ndre Robena,
taolagnolo ndr'Israely, bak'amy ty fitina an-tsoratse ty toko reo razambiene naho ty longo iareo. [21]Niisake 46. 500
lahy iareo bak'amy ty foko ndre Robena.[22]Nisafe ty agnara ty lehilahy iaby zay roapolo tao na mihoatse afake
mandeha agn'aly bak'amy ty taranagne ndre Simeona, bak'amy ty fitana an-tsoratse ty antoko reo razambeine
naho ty longo iareo. [23]Niisake 59. 300 lahy iareo amy ty foko ndre Simeona.[24]Nisafe ty agnara ty lehilahy zay
roapolo tao na mihoatse afake mandeha agn'aly bak'amy ty tarana ndre Gada, bak'amy ty fitana an-tsoratse ty
antoko reo razambeine naho ty longo iareo. [25]Niisake 45. 650 lahy iareo bak'amy ty foko ndre Gada.[26]Nisafe ty
agnara ty lehilahy iaby zay roapolo tao na mihoatse afake mandeha agn'aly bak'amy ty taranagne ndre Joda,
bak'amy ty fitana an-tsoratse ty toko reo razambeine naho ty longo iareo. [27]Niisake 74. 600 lahy iareobak'amy ty
foko ndre Joda.[28]Nisafe ty agnara ty lehilahy iaby ze roapolo tao na mihoatse afake mandeha agn'aly bak'amy ty
taragne ndre Isakara, bak'amy ty fitana an-tsoratse ty antoko reo razambeine naho ty longo iareo. [29]Niisake 54.
400 lahy iareo bak'amy ty foko ndre Isakara.[30]Nisafe ty agnara ty lehilahy iaby ze roapolo tao na mihoatse afake
mandeha agn'aly bak'amy ty taranagne ndre Zebolona, bak'amy ty fitana an-tsoratse ty toko reo razambeine naho
ty longo iareo. [31]Niisake 57. 400 lahy iareo bak'amy ty foko ndre Zebolona.[32]Nisafe ty agnara ty lehilahy iaby ze
roapolo tao mihoatse afake mandeha agn'aly bak'amy ty taragne ndre Efraima, bak'amy ty fitana an-tsoratse ty
longo reo razambeine naho tylongo iareo. [33]Niisake 40. 500 lahy iareo bak'amy ty foko ndre Efraima.[34]Nisafe ty
agnara ty lehilahy iaby ze roapolo tao na mihoatse afake mandeha agn'aly bak'amy ty taranagne ndre Manase,
bak'amy ty fitana an-tsoratse ty toko reo razambeine naho ty longo iareo. [35]Niisake 32. 200 lahy iareo bak'amy ty
foko ndre Manase.[36]Nisafe ty agnara ty lehilahy iaby ze roapolo tao na mihoatse afake mandeha agn'aly bak'amy
ty taranagne ndre benjamina, bak'amy ty fitana an-tsoratse ty toko reo razambeine naho ty longo iareo. [37]Niisake
35. 400 lahy iareo bak'amy ty foko ndre Benjamina.[38]
[39]Niisake 62. 700 lahy iareo bak'amy ty foko ndre Dana.[40]Nisafe ty agnara ty lehilahy iaby ze roapolo tao na
mihoatse afake mandeha agn'aly iaby bak'amy ty taranagne ndre Asera, bak'amy ty fitana an-tsoratse ty antoko
reo razambeine naho ty longo iareo. [41]Niisake 41.50 lahy iareo bak'amy ty foko ndre Asera.[42]Nisafe ty agnara ty
lehilahy iaby ze roapolo tao na mihoatse afake mandeha agn'aly iaby bak'amy ty taranagne ndre Naftaly, bak'amy
ty fitana an-tsoratse ty antoko reo razambeine naho ty longo iareo. [43]Niisake 53. 400 lahy iareo bak'amy ty foko
ndre Naftaly.[44]niarake nagnisake reo lehilahy iaby reo, niarake tamy ty lehilahy folo roa amby ze nitarike ty foko
folo roa amby ty folo ty Israely re Mosesy naho Arona. [45]Le reo lehilahy ty Israely roapolo tao na mihoatse iaby ,
reoiaby afake mialy agne agn'aly, le nisafe kiraikiraike tamy ty longo iareo. [46]Niisake 603. 550 lahy iareo.[47]Te tsy
nisafe reo lehilahy ze tarana ndre Levy, [48]satria nitalily tamy ndre Mosesy Yaveh tihoe: "[49]Tsy mahazo magnisake
ty foko ndre Levy iriha na mampizilike aze amy ty fiharoa-bey ty vahoagn'Israely.[50]Te kea, tendreo reo Levita
hiamby ty tabernakely ty lily fagnekea, naho hikarakara ty fanake iaby ao amy ty tabernakely naho ty raraha
iaby ao amy zane. Lonike hitarazo ty tabernakely ty Levita, vaho lonike handay reo fanakey ty tabernakely iareo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Lonike hikarakara ty tabernakely naho hitoboke magnodidy zane iareo.[51]Lafa mila afalo ho amy ty toeran-kafa ty tabernakely, le lonike hangalake zabe ty Levita. Lafa tokone hatoboko ty tabernakely, le lonike hapitoboke zane ty Levita. Ze ndaty hafa mamonje ty tabernakely le tsy maintse ho mate. [52]lafa mametake reo laine ty vahoagn'Israely, le lonike anao zane eo agnila ty fagneva ze ahy ty antokone mitanjake fialia ty lehilahy iaby.[53]Na zane ka, lonike hamitoboke ty laine magnodidy ty tabernakely ty lily fagnekea ty Levita soa tsy ho avy amy ty vahoake ty Israely ty helokr. Lonike tsy hikarakara ty tabernakely ty lalàgna ty fagnekea filongoa ty Levita."
[54]Nanao zane raraha iaby zane ty vahoagn'Israely. Natao iareo ze iaby nandilia Yaveh tamy ty alala ndre Mosesy.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 2

[1]Nirehake tammy ndre Mosesy naho Arona ndraike Yaveh. Nanao tihoe re: [2]"Reo Israelita kiraikiraike iaby le tsy
maintse mitoboboke magnodidy ty atokone iaby, miaraka amy reo fagneva ty aseveregna ty baba iareo. Hitoboke
magnodidy ty fivelara anjomba lay fihaogna iaby iareo.[3]Reo hitoboke antignana ty anjomba lay fihaogna, zay
hitsiriha ty masoandro le iareo ro kianja ndre Joda avho mitoboke arake ty antokone iareo. Nasona anndahy ndre
Aminadaba ro mpitarike ty vahoake ndre joda. [4]ty isagny ty vahoagne ndre Joda le 74. 600.[5]Ty foko ndre Isakara
le tsy maintse mitoboke eo agnila ndre Joda. Netanela anandahy ndre Zoara le tsy maintse mitarike ty tafike
Isakara. [6]Lehilahy 54. 400 ro tao amy ty fizarane.[7]Ty foko ndre Zebolona le tsy maintse mitoboke eo agnila
Isakara. Eliaba anandahy ndre Helona ro tsy maintse mitarike ty tafike ndre Zebolona. [8]Miisake 57. 400 ty ao amy
ty fizarane.[9]Miisake 186. 400 ty iasake ty kianje ndre Joda iaby. Iareo ro handeha voalohane.[10]Agne amy ty ilae
atimo hisy ty kianja ndre Robena arake ty antokone. ty mpitarike ty kianje ndre Robena le Elizora anandahy ndre
sedera. [11]Miisake 46. 500 ty ao amy ty fizarane.[12]Mitoboke eo agnila ndre Robena re Simeona. Ty mpitarike tyh
vahoagne ndre Simeona le re Selomiela anandahy ndre Zorisaday. [13]Niisake 59. 300 ty tao amy ty fizara iareo.[14]Ty
foko ndre Gada le teo marinike teo. Ty mpitarike ty vahoagn'Andragnahare le re Eliasafa anandahy ndre Roela.
[15]Miisake 45. 650 ty ao amy ty fizarane.[16]Miisake 151. 450 reo iaby mitoboke ao amy ndre Robena arake ty fizarane
iaby. Iareo le handeha faharoe.[17]Magnarake zane, ty anjomba lay fihaogna le tsy maintse miboake ty kianja
miarake amy reo Levita eo ampagnivoa ty kianja iaby. Tokone hiboake ty kianja arake ty filahara niziliha iareo
tao amy ty kianja iareo. Ty lehilahy iaby le tokone ho eo amy ty toerane iaby, arake ty fagnevane.[18]Reo fizara ty
kianja ndre Efraima le eo ambane ty antoko iareo. ty mpitarike ty vahoagne ndre efraima le re Elisama anandahy
ndre Amihoda. [19]Miisake 40. 500 ty ao amy ty fizarane.[20]Eo agnila iareo ro hisy ty foko ndre Manase. Ty mpitarike
andre Manase le re Gamaliela anandahy ndre Pedazora. [21]Miisake 32. 200 ty ao amy ty fizarane.[22]Eo agnilane ro
misy ty fokko ndre Benjamina. Ty mpitarike ndre benjamina le Abidana anandahy ndre Gideony. [23]Miisake 35.
400 ty ao amy ty fizarane.[24]Miisake 108. 100 reo iaby mitoboke ao Efraima. Iareo ro handeha fahatelo[25]Agne
avaratse ro hisy ty fizara ty kianja Ndre Dana. Ty mpitarike ty vahoagne ndre Dana le re Ahiezera anandahy ndre
Amisaday. [26]Miisake 62. 700 ty ao amy ty fizarane.[27]Ty vahoagne ty foko ndre Asera le nignianja teo agnila ndre
Dana. Ty mpitarike ty vahoagne ndre Le re Pagiela anandahy ndre Okrana. [28]Miisake 41. 500 ty amy ty fizarane.
[29]Teo agnilane ty foko ndre Naftaly. Ty mpitarike andre Naftaly le re Asira anandahy ndre Enana. [30]Miisake 53. 400
ty ao amy tyu fizarane.[31]Miisake 157. 600 reo iaby nignianja niarake tamy ndre Dana. Iareo ro handeha ao amy ty
kianja farane, eo ambane ty fagneva iareo."[32]Reo ro isagn'ireo Israelita arake ty longo iareo. Reo iaby voaisake tao
amy ty kianja iareo, arake ty fizara iareo le 603. 550. [33]Te Mosesy naho Arona le tsy nagnisake reo Levita tao amy
ty vahoagn'Israely. Zane le arake ty fa nandilia ndre Yaveh andre Mosesy.[34]Ty vahoagn'Israely le nanao ze iaby
nandalia ndre Yaveh andre Mosesy. Nagnianja arake reo fagneva iareo. Niboake ty kianja arake ty fokone iareo,
arake ty filahara ty longo ty razambeine.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Vaho zao ro tantara ty tarana ndre Arona naho Mosesy lafa nitsara tamy ndre Mosesy tagne amy ty vohitse Sinay
re Yaveh. [2]Ty agnara reo anandahy ndre Arona le re Nababa taolagnolo, naho Abiho, Eleazara, vaho Itamara.[3]Reo
ro agnara ty agnara anandahy ndre Arona, reo mpisoro ze voahosotse naho voatoka hiasa ho mpisoro. [4]Te
Nadaba naho Abiho kea lavo maty teo agnatreha Yaveh lafa nanolotse Aze afo tsy azo enae tagne amy ty tane tsy
misy raraha ndre Sinay iareo. Tsy nana anake re Nadaba naho Abiho, le Eleazara naho Itamara avao ro niasa ho
mpisoro niarake tamy ndre Arona baba iareo.[5]Nitsara tamy ndre Mosesy Yaveh. Nanao tihoe: [6]"Andeso ty foko
ndre Levy le aseho amy ndre Arona mpisoro iareo soa hagnampe aze.[77]Lonike hanao reo asa amy ty anjara ndre
Arona naho ty fiharoane iaby eo agnoloa ty tragno-lay fiahaogna iareo. Lonike iareo hiasa ao amy ty tabernakely .
[8]Lonike hikarakara reo fanake iaby ao amy ty tragno-lay fihaogna iareo, vaho hagnampe reo foko ty Israely
hagnantanterake ty asa fanompoa ty tabernakely[9]Lonike haomey andre Arona naho reo anandahine reo Levita.
Omey iaby iareo soa hagnampe aze hiasa ty vahoagn'Israely. [10]Tsy maintse tendrenao ho mpisoro re Arona naho
reo Anandahine, te ze ndaty hafa firenena avy marine le tsy maintse vonoa ho mate."[11]Nitsara tamy ndre Mosesy
Yaveh. Nanao tihoe re: [12]"Ingo, fa nangalake reo Levita bak'amy reo vahoagn'Israely raho. Zane ro nataoko laha
tokone nangalake ty taolagnolo kiraikiraike ze terake tamy ty vahoagn'Israely. Ahike reo Levita. [13]Ahike ty an-
terake voalohany iaby. Tamy ty andro namofohako ty taolagnolo lehilahy iaby tagne Aamy ty atne Egypta, ro
nanokanako ho Ahike ty an-terake vaolohane ty Israely iaby, na ty vahoake na ty biby fihare. Ahike regne. Iraho
ro Yaveh."[14]Nitsara tamy ndre Mosesy tagne amy ty tane tsy misy raraha ndre Sinay Yaveh. Nanao tihoe Re:
[15]"Isafo saky ty asaveregnane ty tarana ndre Levy, saky ty asaveregna ty razambey iareo. Isafo ty lehilahy iaby zay
vola raike naho miakatse." [16]Nagnisake aiereo re Mosesy, arake ty tsara Yaveh, arake ty nandilia aze ho anoe.[17]Ty
agnara reo anandahy ndre Levyle Gersona, Kohata, vaho Merary. [18]Ty longom-bey bak'amy reo anandahy ndre
Gersona le Libny naho Simey. [19]ty longom-bey bak'amy reo anandahy ndre Kohata le Amrama, Izara Hebrona,
Vaho Oziela. [20]Ty longom-bey bak'amy reo anandahy ndre Merary le Maly naho Mosy. reo ro langom-bey reo
Levita, zay nahalatse arake ty longone iaby.[21]Reo longom-bey reo Libnita naho reo Simeita le bak'amy ndre
Gersona. Reo iaby ro longombe reo Gersonita. [22]Ty lahy iaby manomboke vola raike ro miakatse le nisafe, niisake
7. 500. [23]Ty longom-bey reo Gersononita le hagnianja eo amy ty ilane andrefa ty tarbenakely.[24]Eliasafa anandahy
ndre Laela ro tsy maintse hitarike reo longom-bey ty tarana ty Gersonita. [25]ty longo ndre Gersona le tsy maintse
mikarakara ty ajomba-lay fihaogna le ao agnate zane ty tabernakely. Hikarakara ty ajomba-lay iareo, ty firakone,
naho reo lamba ampiasa amy ty fiziliha ao amy ty ajomba-lay fihoagna. [26]Tsy maintse mikarakara ty lamban-
kianja iareo, ty lamba eo amy ty fiziliha ty kianja__ty kianja zay mihodidy ty fitoera masy naho ty alitara. Lonike
hikarakara reo taly ty ajomba-lay fiahogna naho zay iaby ao amine iareo.[27]Bak'amy ty Kohata reo longom-bey reo:
longo ty Amramita, ty longo ty Izarita, ty longo ty Hebronita, vaho ty longo ty Ozielita. [28]Ahy reo Kohatita reo
longom-bey reo. 8.600 lahy vola raike naho miakatse ro fa voaisake soa hikarakara reo fanagna Yaveh. [29]Reo
longo ty tarana ndre Kohata le tsy maintse magnianja mianatimo ty tabernakely.[30]Elifaza anandahy ndre Oziela
ro tsy maintse hitarike ty longom-bey reo Kohahita. [31]Iareo ro tsy maintse mikarakara ty tobile, ty latabatse, ty
fitobohan-jiro, reo alitara, reo zaka-masy zay ampiasay amy ty fanompoane, ty lamba, vaho zay asa iaby
mahakasike zane. [32]Eleazara anandahy ndre Arona mpisoro ro tsy maintse hitarike reo lehilahy zay mitarike reo
Levita. Tokone hagnara-maso reo lehilahy zay mikarakara ty fitoera masy re.[33]Longom-bey roe ro bak'amy ndre
Merary: ty longo ty Malita naho ty longo ty Mosita. Reo longombey reo le bak'amy ndre Merary. [34]6.20 lahy vola
raike naho miakatse ro fa voaisake. [35]Zorela anandahy ndre Abihaila ro tsy maintse hitarike reo longombey ndre
Merary. Tsy maintse magnianja miagnavaratse ty tabernakele iareo.[36]Ty tarana ndre Merary le tokone hikarakara
ty rafitse ty tabernakele, reo barane, tsangana, fadiane, ty fitaova iaby, naho zay iaby mikasike reo, ao ampo zane
[37]reo fiankina naho tsangana ty kianja zay magnodidy ty tabernakele, miarake amy ty fadia reo, fihantognan-jaka,
naho taly.[38]Mosesy naho Arona vaho reo anandahy iareo le tsy maintse hagnianja miatignana ty tabernakele, eo
agnoloa ty ajomba-lay fihaogna, tandrify ty fivakisa ty masoandro. Iareo ro tompon'andraikitse ho ahy ty
fagnatanteraha reo asa amy ty vahoagn'Israely. Na ia na ia ndaty hafa firenena mamonje ty fitoera masy le tsy
maintse ho maty. [39]Mosesy naho Arona nagnisake ty lahy iaby tamy ty longom-bey ndre Levy zay vola raike naho
miakatse, arake zay nandilia Yaveh. Niisake roa arivo naho roa aly iareo.[40]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy;
"Isafo ty taolagnolo ty vahoagn'Israely iaby zay vola raike ro ho miakatse. Rambeso ty agnara iareo. [41]Lonike
halanao ho Ahike reo Levita__Iraho Yaveh__ho solo ty taolagnolo ty vahoagn'Israely, naho ty biby fihare reo
Levita ho solo ty voaloaha anteraky ty biby fihare ty taranagn"Israely."[42]Mosesy nagnisake ty taolagnolo ty
vahoagn'Israely iaby arake zay fa nandilia Yaveh aze hatao. [43]Nagnisake ty taolagnolo lehilahy iaby arake ty
agnara re, vola raike nahio miakatse. Nahavoaisake 22. 273 lahy re.[44]Nitsara tamy ndre Mosesy ndraike Yaveh.

Nanao tihoe Re: [45]"Alao reo Levita ho solo ty taolagnolo amy ty vahoagn'Israely, vaho alao ty biby fihare reo Levita
ho solo ty biby fihare ty vahoake. Ahike reo Levita__Iraho ro Yaveh.[46]Mamoria sekele dimy ho ahy ty fagnavota
saky ndaty amy reo taolagnolo ty vahoagn'Israely zay mihoatse ty isaky reo levita. [47]Ampiasao arake ty fenitse ty
lanjanao ty sekele ty fitoera masy. Gera roapolo ty sekely. [48]Homeanao ahy ndre Arona naho reo anandahine ty
vilim-pagnavota zay navahanao." [49]Le namory ty vily ty fagnavota bak'amy reo zay nihoatse isake tamy reo
navota reo Levita re Mosesy. [50]Namory ty vola bak'amy ty voalohan-terake ty vahoagn'Isarely re Mosesy.
nahavory sekely 1. 365 re, nilanja tamy ty sekele ty fitoera masy. [51]Mosesy nagnomey ty volam-pagnavotsa ho ahy
ndre Arona naho reo anandahine lahy. Mosesy nanao zay nangatahy ty tsara Yaveh nanoene, arake zay fa
nandilia Yaveh aze.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Nirehake amy ndre Mosesy naho Arona reo Yaveh. Nanao tihoe Re: [2]"Manaova fagnisaha ahy reo lehilahy ty
tarana ndre Kehata eo amy reo Levita, arake ty foko iareo naho ty razambey ty asaveregna iareo. [3]Isafo reo
lehilahy iaby zay telopolo hatramy ty dimampolo tao. Reo lehilahy reo le tsy mainte magnatevin-dahara ty antoko
soa hiasa ao amy ty ajomba-lay fihaogna. [4]Reo tarana ndre Kehata le tsy maintse mikarakara reo zaka masy loatse
natoka ho ahike ao amy ty ajomba-lay fihaogna.[5]Lafa mioma hifalo toera ty kianja, le tsy maintse mizilike ao amy
ty lay re Arona naho reo anandahine, mampizotso ty lamba fanakona zauy magnasarake ty toera masy loatse
amy ty toera masy vaho manaro ty tobily ty vavolombelo miarake amy zane. [6]Tsy maintse manaro iaze fiara amy
ty holi-takasy iareo. Tsy maintse mamelatse lamba manga eo ambone zane iareo. tsy maintse apetane reo bao soa
hitarajoa zane.[7]Tsy maintse mamelatse lamba manga eo ambone ty latabatse ty mofo ty fagnatreha iareo. Iareo le
tsy maintse mametrake reo finga, reo sotro, reo finga boribore, vaho vatavo fangnika eo ambony zane. Tsy
maintse mifo mofo avao eo ambony ty latabatse. [8]Tsy maintse sarogna iareo amy ty lamba jaky naho amy ty holi-
takasy reo. Tsy maintse apetak'iareo reo bao soa hitarajoa ty latabatse.[9]Tsy maintse mangalake lamba manga
iareo vaho manaro ty fitobohan-jiro, miarake amy ty fagnazava zane, reo hete, reo fitoera ty lavenoke, vaho reo
fitoera ty menanke iaby ho ahy reo fagnazava. [10]Tsy maintse apo iareo ao ampo ty fanarogna vita amy ty holi-
takasy ty fanaovan-jiro naho reo fitaova iaby miarake amy zane, vaho tsy maintse apo iareo eo ambony ty rafitse
fitarajoa zane. [11]Tsy maintse mamelatse lamba manga eo ambony ty alitara volamena iareo. Tsy maintse manaro
zane amy ty fanarona vita amy ty holi-takasy iareo, vaho bak'eo mametake reo bao fitarajoa.[12]Tsy maintse
mangalake reo fitaova hiasa iaby agne amy ty toera masy iareo vaho mamono zane ao ampo ty lamba manga. Tsy
maintse manaro zane amy ty holi-takasy iareo vaho mametrake reo fitaovam-piasa eo amy ty rafitse fitarajoa.
[13]Tsy maintse mangalake reo lavenoke amy ty alitara iareo vaho mamelatse lamba voloparasy eo amy iaze alitara.
[14]Tsy maintse apo iareo ty rafitse fitarajoa reo fitovam-piasa iaby zay ampiasay iareo amy ty asa ty alitara. Reo
fitaova reo le ty fandesa afo, fajaitse, lapely, finga fananigna, vaho reo fitaovam-poasa hafa iaby ho ahy ty alitara.
Tsy maintse manaro ty alitara amy ty holi-takasy iareo vaho bak'eo mametake reo bao fitarajoa.[15]Lafa baka
nanaro iaby ty toera masy naho reo fitaovam-piasa iaby niarake tamy zane re Arona naho reo anandahine, vaho
lafa mifalo toera ty kianja, le tsy maintse mamonje soa hotarajo iaze toera masy reo tarana ndre Kehata. Laha
mikasike reo fitaova masy iareo, le tsy maintse maty. Zao ro asa reo tarana ndre Kehata, le ty mitarajo reo fanake
ao amy ty ajomba-lay fiahoagna. [16]Eleazara anandahy ndre Arona mpisoro ro magnara-maso ty fikarakara ty
menake ho ahy ty fagnazava, ty liten-ketae magnitse, ty fagnatitse voa mahazatse, vaho ty menake fagnosora.
Magnara-maso ty fikarakara ty tabernakely iaby naho zay iaby ao ampo zane re, le iaze toera masy naho reo
fitaovam-piasa iaby miarake amy zane."[17]Nirehake tamy ndre Mosesy naho Arona Yaveh. Nanao tihoe Reo: [18]"Ko
apoke ho alà eo amy reo Levita ty foko ty longo ty Kehatita. [19]Arovo iareo, soa ho velo te tsy maty, amy ty alala ty
fanaova zao. Lafa mamonjy reo zaka masy loatse iareo [20]letsy tokone hizilike soa hivamba ty toera masy na le
fotoa kele kea, sao ho mate iareo. Arona naho reo anandahine ro tsy maintse mizilike ao, vaho bak'eo Arona naho
reo anandahine le tsy maintse manendre ty kiraikiraike amy reo Kehatita amy ty asane iaby, amy ty andraikine
manoka."[21]Nirehake tamy ndre mosesy ndraike Yaveh. Nanao tihoe Re: [22]"Manaova avao kea fagnisaha ahy reo
tarana ndre Gersona, arake ty asaveragna ty razambey iareo, arake ty foko iareo. [23]Isafo reo zay telopolo hatramy
ty dimampolo tao. Isafo zay iaby hagnatevy ty lahara ty antoko soa hanompo ao amy ty ajomba-lay fihaogna.[24]Zao
ro asa reo foko ty Gersonita, lafa miasa iareo vaho manday enta. [25]Tsy manday reo lamba fanakona ty
tabernakely, ty ajomaba-lay g-fihaogna, ty fanarona zane, ty fanarona vita amy ty holi-takasy zay eo amy zane,
vaho reo lamba fanakona ty fiziliha ao amy ty ajomba-lay fihaogna iareo. [26]Tsy maintse manday reo lamba
fanakona ty fitsarà iareo, ty lamba fanakona ty lalabey ty fitsarà, zay eo marineke ty tabernakele naho eo agnila
ty alitara, ty taly reo, vaho reo fitaova iaby ho ahy ty fanompoa iareo. Zay iaby tokone ho vita amy reo raraha reo,
le tsy maintse atao iareo.[27]Arona naho ty anandahine le tsy maintse manoro reo asa ty taranaky rei Gersonita
iaby, amy zay iaby andesy iareo, vaho amy ty fanompoa iareo iaby. Tsy maintse ambenanareo amy ty asane iaby
re. [28]Zane ro fanompoa reo foko reo tarana ty Gesonita ho ahy ajomba-lay fihaogna. Itamara anandahy ndre
Arona mpisoro le tsy maintse mitarike iaereo amy ty fanompoane.[29]Tsy maintse magisake reo taran ndre Merary
arake ty foko iareo nareo, vaho mandahtse aiereo arake ty asaveregna ty razambey iareo, [30]manomboke amy ty
telopolo tao noha mihoatse le hatramy ty dimamplo tao. Isafo reo iaby zay handeha hagnatevin-dahara ty antoko
naho hiasa ao amy ty ajomba-lay fihaogna.[31]Zao ro asa iareo naho ty asa iareo amy ty fiasa re iaby ho ahy ty
ajomba-lay fihaogna. Tsy maintse mikarakara ty enta ty tabernakele, ty fihily zane, reo fiankina , vaho reo fadia,
[32]miarake amy reo fiankina ty fitsarà magnodidy ty tabernakely, ty fadia reo, reo tsatokane, vaho reo taline,
miarake amy reo fitaovane iaby iareo. Sorato arake ty agnara reo fanake zay tys maintse enta iareo.[33]Zao ro asa


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

reo foko ty tarana ndre Merary, zay atao iareo ho ahy ty ajomba-lay fihaogna, eo ambane fitariha Itamara
anandahy ndre Arona mpisoro."[34]Mosesy naho Arona vaho reo mpitarike ty fikambana ro nagnisake reo tarana
ndre Kehatita arake ty foko ty razambey iareo. [35]Nisafy iareo manomboke amy ty telopolole hatramy ty
dimampolo tao iarero. Nagnisake zay iaby hagnatevy ty lahara ty antoko soa hiasa ao amy ty ajomba-lay fihaogna
iareo. [36]Ndaty 2. 750 ro voisa iareo arake ty fokone.[37]Mosesy naho arona le nagnisake reo ndaty iaby tao amy reo
foko naho reo longo reo Kehatita zay miasa ao amy ty ajomba-lay fihaogna. Tamy ty fanaova zane, le nagneke zay
nililia Yaveh ho atao iareo tamy ty alala ndre Mosesy iareo.[38]Reo tarana ndre Gersona le nisafe tao amy ty foko
iareo, arake ty asaveregna ty longo iareo, [39]manomboke amy ty telopolo tao le hatramy ty dimampolo tao, zay
iaby hizilike ao amy ty ajomba-lay fiahoagna. [40]Ty ndaty iaby, le nisafe arake ty foko iareo naho ty asaveregna ty
razambey iareo iaby, 2. 630 isake.[41]Mosesy naho Arona le nagnisake reo foko ty tarana ndre Gersona zay hiasa ao
amy ty ajomb-lay fihaogna. Tamy ty fanaova zane, le nagnina zay nadilia Yaveh ho atao iareo amy ty alala ndre
Mosesy iareo.[42]Reo tarana ndre Merary le nisafe tao amy ty foko iareo arake ty asaveregna ty razambey iareo,
[43]manomboke amy ty telopolo le hatramy ty dimampolo tao, zay iaby hizilike ao amy ty antoko soa hiasa ao amy
ty ajomba-lay fihaogna. [44]Ty ndaty iaby, le nisafe arake ty foko iareo naho ty asaveregna iareo iaby, 3. 200.[45]Nisafe
reo ndaty iaby reo re Arona naho Mosesy, le reo tarana ndre Merary. Tamy ty fanaova zane, le nagnina zay
nadilia Yaveh ho anoe iareo tamy ty alala ndre Mosesy iareo.[46]Kea nagnisake reo Levita iaby arake ty foko iareo
tao amy ty longo ty razambeine [47]nanomboke tamy ty telopolo le hatramy ty dimampolo tao re Mosesy, Arona,
vaho reo mpitarign'Israely. Nisafy iareo zay iaby hiasa ao amy ty tabernakely, naho zay handay vaho hikarakara
reo fanake ao amy ty ajomba-lay fihaogna. [48]Ndaty 8. 580 ro voaisagn'iareo.[49]Arake ty lily Yaveh, le nagnisake ty
ndaty kiraikiraike re Mosesy, arake ty karazagn'asa zay nanendre aze iaby. Nagnisake ty ndatyt kiraikiraiky arake
ty karazan'asa nasaine iaby re. Atamy ty fanaova zane, le nagnina zay nandilia Yaveh ho anoe iareo tamy ty alala
ndre Mosesy iareo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Yaveh nitsara tanmy ndre Mosesy. Nanao tihoe Re: [2]"Lilio ty vahogn' Israely soa handroake ty misy arete-kolitse
iaby hiala ao amy ty kianja, vaho rzay iaby misy fere, vaho zay iaby maloto tamy ty fikasiha fate. [3]Na lehilahy na
ampela, le lonike halefanao hiala ao amy ty kianja iareo. Lonike tsy handoto ty kianja iareo, satria ao ro mitoboke
Raho." [4]Le nanao zane ty vahoagn'Israely. Le nalefa iareo hiala tao amy ty kiaja iareo, arake ty nandilia Yaveh ahy
ndre Mosesy. Le nagnina ahy Yaveh ty vahoake ty Israely.[5]Nirehake tamy ndre Mosesy ndraike Yaveh. Zao ty
natae: [6]"Mirehafa amy ty ty vahogn'Israely. Lafa manao faharatea ty lehilahy na ty ampela manahake ty ifanaova
ty ndaty, vaho tsy mahatoke amiko, le meloke zane ndaty zane. [7]Vaho tsy maintse magneke ty faharatia zay fa
vitane re. Tsy maintse havahane iaby ty vilin-kelone vaho hagnampe ty ambone dimy amy ty viline. Tsy maintse
hagnomey zane amy raike zay nanaovane ty tsy mete re.[8]Te laha tsy mana longo mafaitse soa handrambe ty
avake iaze nihara ty tsy mete, le tsy maintse havahane amiko amy ty alal ty mpisoro ty vilin-kelone, miarake amy
ty aondre raike ho fagnavota ty vatane. [9]Ty fagnatitse ty vahoagn'Israely iaby, reo zaka zay natoka naho nandesy
tagne amy ty mpisoro bak'amy ty vahoagn'Isarely, le ho aze iaby. [10]Reo fagnatitse ty ndaty iaby le ho ahy ty
mpisoro; laha misy magnomey zaka ho ahy ty mpisoro, le ho aze zane."[11]Le nirehake tamy ndre Mosesy ndraike
Yaveh. Nanao tihoe Re: [12]"Mirehafa amy ty vahoagn'Israely. Talilio iareo tihoe: 'Rambeso tihoe mivalike ty valin-
dralehilahy vaho manao rate ty valine.[13]Vaho raiso tihoe misy lehilahy hafa miarake-mandre amine. Amy zane, le
voaloto re. Na le tsy hisa ty valine kea zane na haine ty mikasike zane, vaho na le tsy misy na raike kea
mahatratse aze eo am-panaova zane vaho tsy misy na raike kea mitsanga vavolombelo mitajake aze, [14]na le zane
kea, fagnahy ty hasarotam-piaro le mampahafantatse hatrane amy ty lahy te voaloto ty valine. nefa, ty fagnahy ty
farahy le ho avy havande amy iaze lehilahy lafa tsy voaloto ty valine.[15]Amy ty zaka miseho manahake zane, iaze
lehilahy le tokone hamday ty viline ho ahy amy ry mpisoro. Tsy maintse manday fagnatitse inome ho aze ty
valine. Tsy maintse handay kobam-bary ampahafolo ty efaha re. Tsy mahazo magnily menake na liten-ketae
magnitse amy zane re satria fagnatitse vare ty hasarotam-piaro zane, fagnatitse hotavae ho fahaiza ty mete ho
fisia ty faharatia.[16]Lonike handay aze marinike vaho hametrake aze eo agnatreha Yaveh ty mpisoro. [17]Lonike
hangalake ty vatavon-drano voahasy vaho hangalake leboke bak'amy ty tane ty tabernakele ty mpisoro. Lonike
hagnisy ty leboke ao agnaty iaze rano re.[18]Ty mpisoro hametrake iaze ampela eo agnatreha ty Andragnahare
vaho hagnaha ty volo eo an-doha iaze ampela. Hapetane eo amy ty tagnane ty fagnatitse voa ty salasala, Hitajake
mafy ty rano mangily zay mete handay ozo amy ty tagnane ty mpisoro. [19]Hametrake iaze ampela ho ambane ty
fifanta ty mpisoro vaho hitalily amine tihoe: "Laha mboe tsy nisy lehilkahy hafa miolotse taminao, vaho laha tsy
nitsiletsile naho nanao fahalotoa, le tsy afake amy toy rano mangily zay mete handay ozo toy.[20]te laha iriha, zay
ampela voafehy ty valine, ro fa nitsilitsile, vaho laha voaloto iriha, vaho laha nisy lehilahy hafa niara-nandre
taminao, [21]le, (tsy maintse ty mpisoro ro mampanao fifanta zay afake manday ty ozo amine amy iaze ampela,
vaho le tsy maintse hanoy resake amy iaze ampela re) 'Yaveh hanao anao agnate ozo zay haseho amy ty
vahoagnao hanahake zane. Le hiseho zane laha atao Yaveh mibay ty fenao vaho mivonto ty tronao. [22]Toy rano zay
manday ozo toy le handay ao amy ty vavafonao vaho hampivonto ty tronao vaho harare reo fenao.' le lonike
hamale ampela tihoe: "Eka, apoho hiseho zane laha meloke raho.'[23]Lonike hanoratse reto ozo reto ao amy ty horo-
taratasy ty mpisoro, vaho lonike holiovine ao amy ty rano mangily reo ozo voasoratse.[24]Lonike hampinomy ty
rano mangily zay manday vatsy ho ahy ty ampela ty mpisoro. Iaze rano zay manday ozo le hizilike ao amine vaho
holasa hangily. [25]Lonike hitajake ty fagnititse voa ty ampela re. lonike hitajake ty fagnatitse voa eo agnatreha
Yaveh vaho handay zane eo amy ty alitara re. [26]Lonike hangalake fagnatitse voa feno ty tagna ho fagnatitse
fanehoa ty mpisoro, vaho hangnoro zane eo amy ty alitara. Le lonike hagnomey ty ampela ty rano vantae
mangily soa hinomine.[27]Lafa omeine aze ty rano ho inome laha voaloto satria fa nanao raty tamy ty valine re, le
hizilike amine ty rano zay manday fatse vaho lasa hangily. Hivonto ty trone vaho harary ty feine, Ho voaozo eo
amy ty ndatine iaze ampela. [28]Te laha tsy voaloto kea iaze ampela vaho laha malio re, le tsy maintse ho afaha.
Vaho afake hana anake re.[29]Zane ro lalàgna ty farahy. zane ro lalàgna ho ahy ty ampela zay mivio amy ty valine
vaho voaloto. [30]Izane ro lalàgna ho ahy ty lelihaly mana ty fagn ahy ty farahy lafa mamarahy amy ty valine re.
Lonike re handay ty ampela eo agnatreha Yaveh, vaho lonike ty moisoro hanao amine zay iaby voasorits'io
lalàgna ty farahy io.[31]Vaho le ho afake amy ty fagnameloha ty amy ty fitondra ty valine teo amy ty mpisoro ty
lehilahy. Lonike handay ty heloke zay mete hanagnane iaze ampela.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

[1]Yaveh nitsara tamy ndre Mosesy. Nanao tihoe Re: " Mirehafa amy ty vahoagn'Israely. Talilio amy iareo tihoe:
'Laha misy lehilahy na ampela mivantotse ho ahy Yaveh amy ty sareke manoka ty Nazirita, [3]le lonike hfaly divay
na zaka-finome mahere re. Lonike tsy hino vinengire natao tamy ty divay na tamy ty zaka finome mahare re.
Lonike tsy hino ranom-boaloboke reohitava voaloboke soa na voaloboke maike. [4]Amy ty andro iaby zay iavahane
ho Ahike, le lonike tsy hitava na ino na ino zay vita amy ty voaloboke re, agnisa zane ty raraha iaby vita hatramy
ty voane le hatramy ty holine.[5]Agnate ty fotoa ty sarekem-pitokana iaby, le tsy hisy hareza hampiasay amy ty
lohane mandra-pahatapitsy ty andro ty fitokagnagne ho ahy Yaveh. Lonike hatoka ho ahy Yaveh re. lonike
hagnenga ty volone hihalava amy ty lohane re.[6]Agnate ty fotoa iaby zay hitokanagne ho ahy Yaveh, le lonike tsy
hhariny fate re. [7]Lonike tsy handoto ty vatane re egne te na le ho ahy ty raene, renene, rahalahine, na rahavavine
kea, laha maty reo. Zane satria fa nitoka ho ahy ty Andragnahare re, zay hisa ty ndaty amy ty halava ty volone.
[8]Agnate ty fotoa tyh fitokanagne iaby le masy re, voatoka ho ahy Yaveh.[9]Laha misy ndaty maty tampoke eo
agnilane le mandoto ty lohane voahasy, le lonike hagnaratse ty lohane re amy ty andro ty fagnadiova aze__amy ty
andro fahafito ro tsy maintse hagnaratse zane[10]Amy ty andro fahavalo le lonike handay voromahilala roe na ana-
boromahilala roe ho ahy ty mpisoro eo amy ty fiziliha mandeha ao amy ty ajomba-lay fihaogna re. [11]Lonike
hagnomey voro raike ho fagnatitse oroa ty mpisoro. Reo le hagnavake aze satria nanao raty tamy ty naha-teoa
agnila ty faty aze re. Lonike hagnamasy ty lohane ndraik re amy zane andro zane.[12]Lonike hanoke-bata ho ahy
Yaveh agnate ty andro ty fagnamasigna aze re. Lonike handay anak'aondre kahy harentao ho fagnatitse noho ty
heloke re. Ty andro nialoha ty nandotoane te vatane le lonike tsy hisafe, satria noltoy ty fahamasignane.[13]Zane ro
lalàgna mikasike ty Nazirita lafa feno ty foto ty fitokanagne. Lonike handesy eo amy ty fiziliha mandeha ao amy
ty ajomba-lay fihaogna re. [14]Lonike hagnomey ty fagnatine ho ahy Yaveh re. Lonike hagnomey anak'aondre lahy
herentao noho tsy misy handra ho fagnatitse oroa re. Lonike hagnomey anank'aondre vave herentao vaho tsy
misy handra ho fagnatitse noho ty haratia re. Lonike handay aondrelahy zay tsy misy handra ho fagnti-pilongoa
re. [15]Lonike handay mofo vita amy ty kobam-bary soa lisa mihari menake, Mofo matify tsy misy lalivay najo tao
amy ty menake, miarake amy ty fagnatitse hotvay naho fagnatitse inomy avao kea re.[16]Lonike hagnomey reo eo
agnatreha Yaveh ty mpisoro. Lonike hagnomey ty fagnatitse noho ty haratiane naho ty fagnatitse oroa re.
[17]Miarake amy ty mofo tsy masirasira feno ty haro, ro lonikr hagnomezane ty aondrelahy ho soro, le ty fagnati-
pihavana ho ahy Yaveh. Lonike hagnomey ty fagnatitse hotavae naho ty fagnatitse inome avao kea ty mpisoro.
[18]Lonike hagnaratse ty lohane iaze Nazirita ho fanehoa ty fitokanagne ho ahy ty Andragnahare eo amy ty fiziliha
mandeha ao amy ty ajomba-lay fiahogna. Lonike hangalake ty volo eo an-dohane re le handefa zane ao ampo afo
zay ao ambany ty soro ho fagnati-pilongoa.[19]Lonike hangalake ty soroke ty aondrelahy mandevy, tsila-mofo tsy
misy lalivay ao amy ty haro, vaho mofo matify tsy lalivay raike ty mpisoro. Lonike hametrake reo eo an-tagna
iaze Nazirita re lafa baka nagnaratse ty lohane hanehoa ty fitokanagne re. [20]ty mpisoro le lonike hagnelahela reo
ho fagnatitse eo agnatreha Yaveh, anjara masy ty mpisoro, miarake amy ty aragna zay fagnelahelaha naho ty fe
zay namey ho ahy ty mpisoro. Afara zay, le afake mino divay iaze Nazirita.[21]Zane ro lalàgna ho ahy ty Nazirita zay
miboake handay fagnatine ho ahy Yaveh ho ahy ty fitokanagne. Na ino na ino mete omeine, le lonike hiamby reo
lily ty sareke nataone re, soa hitajake ty fampagnantena talily ty lalàgna ho ahy ty Nazirita.'"[22]Nitsara tamy ndre
Mosesy ndraike Yaveh. Nanao tihoe Re: [23]"Mirehafa amy ndre Arona naho reo anandahine. Talilio tihoe:
'Tsipazonareo rano amy zao fomba zao ty vahoagn'Israely. Talilionao amy iareo tihoe: [24]"Hitahy anao naho hiaro
anao vantae Yaveh.[25]Hampamiratse ty vatane aminao na hamindra arofo aminao vntae Yaveh. [26]Hivamba anao
amim-pitiava naho hagnaomey havotora anao vantae Yaveh.'" [27]Amy zane fomba zane ro tsy maintse hametraha
iareo ty agnarako eo amy ty vahoagn'Israely. Le hitahy aiereo Raho."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 7

[1]Tamy ty andro nahavita ndre Mosesy ty tabernakely, le nosorane zane vaho natokane ho ahy Yaveh, nagnirake
tamy ty fanake iaby. Nataone manahake zane kea ty alitara naho fanake iaby. Nosorane zane vaho natokane ho
ahy Yaveh. [2]Tamy zane andro zane le nagnomey soro reo mpitarign'Irsaely, naho reo loha ty longo ty razambeine.
Reo lehilahy reo ro nitarike ty foko. Iareo ro nagnara-maso ty fagnisaha ty ndaty tamy ty fagnisam-bahoake.
[3]Nandesy iareo. Nanday sarety misaro eny naho aombe folo roa amby iareo, vaho ty mpitarike kiraikairaike le
nanday aombe raike. Nanday saret raike saky ty mpitarike roe iaby iareo, vaho ty mpitarike kiraikiraike le
nanday aombe raike iaby. Nandesy iareo teo agnatreha ty tabernakely reo raraha iaby reo.[4]Le nirehake tamy
ndre Mosesy Yaveh. Nanao tihoe: [5]"Inao ty fagnitse bak'amy iareo vaho ampiasao ho amy ty asa ao amy ty
ajomba-lay fihaogna ty fagnatitse, le amy ty kiraikiraike arake ty mpaiavy iareo amy ty asane iaby."[6]Nala ndre
Mosesy reo sarety naho reo aombe vaho nomeine ahy reo Levita. [7]Nagnomey sarety roe naho aombe efatse ho
ahy ty taran ndre Gersona re, noho ty fila iareo amy ty asane. [8]Nagnomey saret efatse naho aombe valo ho ahy ty
tarana ndre Merary re, ho eo amy ty fiarova ndre Itamara ana ndre Arona mpisoro. nataone zane noho zay nila
ty asa iareo.[9]Te tsy nagnomey na ino na ino tamy reo raraha reo ho ahy ty tarana ndre Kehata re, satria ty aiereo
le asa mifanandrify amy ty raraha zay ahy Yaveh zay ho tarajoene eo an-tsorone.[10]Nagnomey reo fagnomezane
reo mpitarike soa ho ahy ty fanokana ty alitara tamy ty andro zay nagnosora ndre Mosesy ty alitara. Nagnomey ty
sorone teo agnoloa ty alitara reo mpitarike. [11]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: "Lonike ty mpitarike
kiraikiraike hagnomey ty sorone amy ty androne iaby ho ahy ty fanokana ty alitara."[12]Tamy ty andro voalohane,
le Nasona ana ndre Aminadaba, bak'amy ty foko ndre Joda, ro nagnomey ty sorone. [13] Ty sorone le finga volafote
raike milanja sekele 130 naho finga jobo raike milanja sekely fitopolo, arake ty toko ty lanja ty sekele ty toera
masy. Reo raraha reo le sambe feno divay naho lafarine soa lisa mifangaro menake hatao fagnatitse hotavae.
[14]Nagnomey finga volamena raike milanja sekele folo sade feno liten-ketae magnitse re.[15]Nagnomey
vanton'aombelahy raike, aondre raike, vaho anak'aondre lahy herentao, ho fagnatitse oroa re. [16]Nagnomey oselhy
ho fagnititse noho ty faharatia re. [17]Nagnomey aombe roe, aondre dimy, aoselahy dimy, vaho anak'aondre lahy
dimy zay herentao, ho soro hatao fagnati-pilongoa re, Zane ro soro ndre Nasona ana ndre Aminadaba.[18]Tamy ty
andro faharoe, Netanela ana ndre Zoara, mpitary ndre Isakara, ro nagnomey ty sorone. [19]Nagnomey finga
volafoty milanja sekele 130 naho finga jobo milanja sekely fitopolo re ho sorone arake ty vily ty lanja ty sekele ty
toera masy. samby feno lafariny soa lisa mifangaro menake ho fagnatitse hotavae reo raraha reo.[20]Nagnomey
finga volamena milanja sekele folo, feno liten-ketae magnitse avao kea re. [21]Nagnomey vanton'aombelahy raike,
aondre raike, vaho anak'aondre lahy herentao, ho fagnatitse oroa avao kea re. [22]Nagnomey aoselahy raike ho
fagnatitse noho ty haratia re. [23]Nagnomey aombe roe, aondre dimy, aoselahy dimy. vaho anak'aondre lahy zay
herentao, ho soro hatao fagnati-pilongoa re, Zane ro soro ndre Netanela ana ndre Zora.[24]24 Tamy ty andro
fahatelo, Eliaba ana ndre Helona, mpitarike reo tara ndre Zebolona, ro nagnomey soro. [25]Ty sorone le finga
volafoty raike milanja sekele 130, vaho finga jobo raike milanja sekele fitopolo arake ty vily ty lanja ty sekely ty
toera masy. Sambe feno lafarine soa lisa mifagaro menake ho ahy ty fagnatitse hotavae reo raraha
reo[26]Nagnomey finga volamena milanja sekele folo, feno liten-ketae magnirse avao kea re.[27]Nagnomey
vanton'aobelahy raike, aondre raike, vaho anak'aondre lahy herentao ho fagnatitse oroa re. [28]Nagnomey aoselahy
raike ho fagnititse noho ty faharatea re. [29]Nagnomey aombe roe, aondre dimy, aoselahy dimy, vaho anak'aondre
lahy dimy zay herentao, ho soro ho ahy ty fagnati-pilongoa re. Zane ro soro ndre Eliaba ana ndre Helona.[30]Tamy
ty andro fahaefatse, Elizora ana ndre Sedeora, mpitarike reo tarana ndre Robena, ro nagnomey ty sorone. [31]Ty
sorone le finga volafoty milanja sekele 130 naho finga jobo raike milanja sekele fitopolo, arake ty vili ty lanja ty
sekele ty toera masy. Sambe feno lafarine soa lisa mifangaro menake ho fagnatitse hotavae reo rarah reo.
[32]Nagnomey finga volamena raike milanja sekele folo, fenolitenketae amgnitse avao kea re.[33]Nagnomey
vanton'Aombelahy raike, aondre raike, vaho anak'aondre lahy herentao ho fagnatitse oroa re. [34]Nagnomey
aoselahy ho fagnatitse noho ty haratia re. [35]Nagnomey aombe roe, aondre dime, aoselahy dime, vaho anak'aondre
lahy dime zay herentao, ho soro ho ahy ty fagnati-pilongoa re. Zane ro soro ndre Elizora ana ndre Sedora.[36]Tamy
ty andro fahadime, Selomiela ana ndre Zorisaday, mpitarike ty tarana ndre Simeona, ro nagnomey ty sorone. [37]Ty
sorone le finga volafoty milanja sekele 130 naho finga milanja sekele fitopolo, arake ty vily ty sekely ty toera
masy. sambe feno lafarine soa lisa mifangaro menake ho fagnatitse hotavae reo rarah reo. [38]Nagnomey finga
volamena milanja sekele folo, feno liten-ketae magnitse avao kea re.[39]Nagnomey vantan'aombelahy raike, aondre
raike, vaho anak'aondre lahy herentao ho fagnatitse oroa re. [40]Nagnomey aoselahy raike ho fagnatitse noho ty
haratia re. [41]Nagnomey aombe roe, aondre dime, aosilahy dimy, vaho anak'aondre lahy dime zay herentao, ho
soro ho ahy ty fagnati-pilongoa re. Zane ro soro ndre Selomiela ana ndre Zorisaday.[42]tamy ty andro fahene, Elisafa

ana ndre doela, mpitarike ty tarana ndre Gada, ro nagnomey ty sorone. 43 Ty sorone le finga volafoty raike milanja
sekele 130 naho finga jobo raike milanja sekele fitopolo, arake ty vili ty lanja ty sekely ty toera masy. Sambe feno
lafarine soa lisa miharo menake ho fagnatitse hotave reo raraha reo. 44 Nagnomey finga volamena raike milanja
sekele folo, feno liten-ketae magnitse avao kea re. 45 Nagnomey vantan,ambelahy raike, aondre raike, vaho
anak'aondre lahy herentao ho fagnatitse oroa re. 46 Nagnomey aoselahy raike ho fagnatitse noho ty haratia re.
47 Nagnomey aombe roe, aondre lahy zay herentao, ho soro ho ahy ty fagnati-pilongoa re. Zane ro soro ndre
Eliasafa ana ndre Doela. 48 Tamy ty andro fahafito, Elisama ana ndre Amihoda, mpitarike ty taran ndre Efraima, ro
nagnomey ty sorone. 49 Ty sorone le finga volafoty sekele raike milanja 130 naho finga jobo raike milanja sekele
fitopolo, arake ty vily ty lanja ty sekele ty toera masy. Sambe feno lafarine soa lisa mifangaro menake ho
fagnatitse hotavae reo raraha reo. 50 Nagnomey finga volamena milanja sekele folo, feno litsen-ketae magnitse
avao kea re. 51 Nagnomey vanton'aombelahy, aondre raike, vaho anak'aondre lahy herentao ho fagnatitse oroa re.
52 Nagnomey aoselahy raike ho fagnatitse. 53 Nagnomey aombe lahy roe, aondre dime, aoselahy dime, vaho
anak'aondre lahy zay herentao, ho soro ho ahy ty fagnati-pilongoa re. Zane ro soro ndre Elisama ana ndre
Amihoda. 54 Tamy ty andro fahavalo, gamaliela ana ndre Pedazora, Mpitarike ty tarana ndre Manase, ro nagnomey
ty sorone. 55 Ty sorone le finga volafoty milanja sekely 130 naho finga jobo milanja sekele fitopolo, arake ty vily
lanja ty sekely ty toera masy. Sambe feno lafarine soa lisa mifangaro menake ho fagnatitse hotvae reo zake reo.
56 Nagnomey finga volamena milanja sekely folo, fenoliten-ketae magnitse avao kea re. 57 Nagnomey
vanton'aombelahy raike, aondre raike, vaho anak'aondre lahy herentao ho fagnatitse oro re. 58 Nagnomey
aoeselhy raike ho fagnatitse noho ty haratia re. 59 Nagnomey aombey roe, aondre dime, aoselahy dime, vaho
ank,aondre lahy zay herentao, ho soro ho ahy tyfagnati-pilongoa re. Zane ro soro ndre Gamaliela ana ndre
Pedazora. 60 Tamy ty andro fahasivy, Abidana ana dre Gideony, mpitarike ty tara ndre Benjamina, ro nagnomey ty
sorone. 61 Ty sorone le finga zolafoty milanja sekely fitopolo, arake ty vily ty lanja ty sekely ty toera masy. Sambe
feno lafarine soa lisa miharo menake ho fagnatitse hotvae reo rarahe reo. 62 Nagnomey finga volamena milanja
sekely folo, feno liten-ketae magnitse avao kea re. 63 Nagnomey vantan'aombelahy raike, aondre raike, vaho
anak'aondre lahy heretao ho fagnatitse oroa re. 64 Nagnomey aoselahyho fagnatitse noho ty haratia re.
65 Nagnomey aombe roe, andro dime, aolahy dime, vaho anak'aondre lahy zay herentao, ho soro ho ahy ty fagnati-
pilongoa re. Zane ro soro ndre Abidana ana ndre Gileony. 66 Tamy ty andro fahafolo, Ahiezera an ndre Amisaday,
mpitarike ty taran ndre Dana, ro nagnomey ty sorone. 67 Ty sorone le finga volafoty milanja sekely 130 naho finga
jobo milanja sekely fitopolo, arake naho ty lanja ty sekely ty toera masy. Sambe feno lafarine soa lisa miharo
menake ho fagnatitse hotvae reo raraha reo. 68 Nagnomey finga volamena milanja sekely folo, feno liten-ketae
magnitse avao kea re. 69 Nagnomey vantan'aombelahy raike, aondre lahy herentao ho fanatitse oroa re.
70 nagnomey aoselahy raike ho fagnatitse noho ty haratia re. 71 nagnomey aombe roe, aondre lahy zay herentao, ho
aoro ho ahy ty fagnati-pilongoa re. Zane ro soro ndre Ahiezera ana ndre Amisaday. 72 Tamy ty andro folo raike
amby, Pagiela ana ndre Okrana, mpitarike ty tarana ndre Asera, ro nagnomey ty sorone. 73 Ty sorone le finga
volafoty milanja sekely 130 naho finga jobo milanja sekely fitopolo, arake ty vily ty lanja ty sekely ty toera masy.
Sambe feno lafarine soa lisa mifangaro menake ho fagnatitse hotave reo raraha reo. 74 Nagnomey finga volamena
milanja sekely folo, feno lite-keta magnitse avao kea re. 75 Nagnomey vantan'aombelahy raike, vaho raike, vahi
anak'aondre lahy herentao ho fagnatitse dora re. 76 Nagnomey aoselahy raike fagnititse noho haratia re.
77 Nagnomey aombe roe , andre dime, aoselhy dime, vaho anak'aondre lahy herentao, ho soro ho ahy ty fagnti-
pilongo re. Zane ro soro ndre Pagiela ana ndre Okrana. 78 78 Tamy ty andro faha folo roa amby ty folo, Ahira ana
ndre enana, mpitarike ty tarana ndre Naftaly, ro nagnomey ty sorone. 79 Ty sorone le finga volafoty milanja sekely
130 naho finga jobo milanja fitopolo, arake ty vily ty lanja ty sekely ty toera masy. Sambe feno lafariny soa lisa
miharo menake ho fagnatitse hotavae reo raraha reo. 80 Nagnomey finga volamena milanja sekely folo, feno liten-
ketae magnitse avao kea re. 81 Nognomey vanton'aombelahy raike, aondre raike, vaho anak'aondre lahy herentao
ho fagnatitse oroa re. 82 nagnomey aoselahy raike ho fagnatitse noho ty haratia re. 83 Nagnomey aombe roe, aondre
dime, aoselahy dime, vaho anak'aondre lahy zay herentao, ho soro ho ahy ty fagnati-pilongoa re. Zane ro soro
ndre Ahira ana ndre Enana. 84 Navaha reo mpitarike ty Israely tamy ty andro nagnosora ndre Mosesy ty alitara reo
raraha reo. Navah iareo ty finga folafoty folo roa amby, reo finga jobo folo roa amby, vaho reo finga volamena
folo roa amby. 85 Ty finga volafoty kiraikiraiky le samby milanja sekely 130 iaby vaho ty finga jobo le nilanja sekele
fitopolo iaby, Reo fanake volafoty iaby le nilanja sekely 2. 400, arake ty sanda ty lanja ty sekely ty toera masy. 86 Ty
kiraikiraike amy reo finga vo;amena folo roa amby, feno liten-ketae mag nitse, le nilanja sekely folo arake ty vily
ty lanja sakely ty toera masy. Ty finga volamena iaby le nilanja sekely 120. 87 Natoke iareo iaby reo biby ho
fagnatitse oroa, le aombelahy folo roa amby, aondre folo roa amby, vahi anak'aondre lahy herentao folo roa
amby. Nomey iareo ty fagnatitse hotavae. Nagnomey aoselahy folo roa amby ho fagnatitse noho ty haratia iareo.
88 Nagnomy aombelahy roapolo efats'amby, aondre enempolo, aoselahy enempolo, vaho anak'aondre lahy


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

herentao enempolo bak'amy ty biby fiharine iareo, ho soro ho ahy ty fagnati-pilongoa Zane le ho ahy ty fanokana
ty alitara tafara ty nagnosora aze.
89 Lafa nizilike tao amy ty ajomba-lay fihoagna soa hirehake tamy Yaveh re
Mosesy, le nahaheno ty ffeone iaby teo ambony ty saronam-pagnavota teo amy ty tobily ty vavolombelo, bak'eo
agnelagnela ty kerobima anankiroe Yaveh. Nirehake tamine Re.

Chapter 8

1 Yaveh nirehake tamy ndre Mosesy. Nanao tihoe Re: 2 "Mirehafa amy ndre Arona. Tsarao amine tihoe: 'Tokone
hagnaomey hazava eo agnoloa ty fitoeran-jiro reo jiro fito lafa mampirehitse reo iriha.'" 3 Nanao zane Arona.
Nampirehitse ty jiro teo amy ty fitoeran-jiro re soa hagnomey hazava eo agnolo zane, arak ty fandilia Yaveh ahy
ndre Mosesy. 4 Tamuy zane fomba zane ro nagnamboara ty fitobohan-jiro vaho Yaveh nampiseho ahy ndre
Mosesy ty fandamina ho amy zane. Zane le volamena voatefe hatragny amy ty fotone le zisik'amy ty rambone,
niarake tamy ty sary noamboare manahake ty folera. 5 Nirehake tamy ndre Mosesy ndraike Yaveh. Nanao tihoe Re:
6 "Alao bak'eo amy reo vahoagn'Israely ty levita vaho liovo iareo. 7 Ataovo amy iareo zao soa hagnaliova aiereo:
Atsipazo eo amy iareo ty rano ty fagnavota. Ataovo magnarake ty vatane iaby, manasa ty fisikinane iareo, vaho
amy zane fomba zane ro hagnaliova ty vata iareo. 8 Vaho ataovo mangalake vanton'aombelahy naho fagnatitse
voa miarake amy ty koba soa lisa mifangaro menake iareo. Lonike iareo hangalake vantan'aobelhy raike hafa ho
fagnatitse noho ty haratea. 9 Handay reo Levita eo aloha ty tragno-lay fihaogna naho hamory ty vondro ty
vahoagn'Israely iaby iriha. 10 Lafa manday reo Levita eo agnoloa Yaveh iriha, le tsy maintse mametrake ty vatane
eo amy reo Levita ty vahoagn'Israely. 11 Tsy maintse omea ndre Arona eo agnatreha Yaveh reo Levita, manahake
ty fagnatitse ahelahela bak'amy ty vahoagn'Israely soa hahafah iareo manao ty fiasa ahy Yaveh. 12 Tsy maintse
apoky re Levita eo amy ty loha reo aombe ty tagnane. Tsy maintse magnomey aombe raike ho ahy ty fagnatitse
noho ty haratea vaho aombe hafa ho ahy ty fagnatitse oroa ho Ahike iriha, soa hanohera ho ahy reo levita.
13 Aseho eo agnoloa ndre Arona naho eo agnoloa ty anandahine reo Levita vaho asandrato ho fagnatitse ahelahela
ho Ahike. 14 Amy io fomba io ro tsy maintse hagnasarahanao reo Levita amy ty vahoake ty Israely. Ho Ahike reo
Levita. 15 Magnarake zane, tsy maintse mandeha miasa ao agn'ajomba lay ty fihaogna reo Levita. Tsy maintse
magnalio aiereo iriha. Tsy maintse omeanao manahake ty fagnatitse ahelahela iareo. 16 Ataovo zane, satria iareo le
Ahike iaby zay bak'eo amy ty vahoagn'Israely. Handrambe ty toera ty anjaja lahy kiraikiraiky iaby zay hasamake
voalohone iareo, le ty taolognolo lehilahy ty taranagn'Israely iaby, Fa nangalake reo Levita ho ahy ty vatako Raho.
17 Ahike ty taognolo lehilahy iaby ao amy ty vahoagn'Israely iaby, miarake amy ty ndaty naho ty biby. Tamy ty
andro zay nangalako ty fiay ty taolagnolo lehilahy iaby tao amy ty tane Egypta, le nanoka aiereo ho ahike Raho.
18 Fa nangalake reo Levita iaby teo amy ty vahoagn'Israely ho solo ty taolognolo lehilahy iaby Raho. 19 Fa nagnomey
reo Levita ho fagnomeza ho ahy ndre Arona naho reo anandahine RAho . Fa nangalake aiereo iaby teo amy ty
vahoagn'Israely soa hanao ty asa ty vahogn'Israely ao amy ty ajomba-lay fihaognha Raho. FA nagnomey aiereo ho
fagnavota ho ahy ty vahogn'Israely Raho soa tsy hisy arete-mandane hamofoke ty vahoake laha vao miharinike ty
toera masy iareo." 20 Mosesy, Arona, vaho ty fikambana ty vahoagn'Israely iaby nanao zane tamy reo Levita.
Namita reo zaka iaby nandilia Yaveh ahy ndre Mosesy ty amy reo Levita iareo. Nanao zane niarake tamy iareo ty
vahoagn'Israely. 21 Nagnadio ty vatane naho nanasa ty fisikinane reo Levita, vaho Arona nagnomey aiereo ho
fagnatitse ahelahela ho ahy Yaveh naho nanao fagnavota ho aiereo soa hagnadiova aiareo. 22 Magnarake zane,
nandeha nanao ty fiasa tao amy ty ajomba-lay fihaogna magnoloa ahy ndre Arona naho ty anandahy ndre Arona
reo Levita. Manahake zane ro nandilia Yaveh ahy ndre Mosesy mikasike reo Levita. Zane ro fomba nandesane
reo Levita iaby. 23 Nirehake tamy ndre Mosesy ndraike Yaveh. Nanao tihoe Re: 24 "Zao iaby zao le ho ahy ty Levita
zay roapolo dime amby tao ro ho mihoatse. Tsy maintse miarake amy ty ajomba-lay fihaogna iareo. 25 Tsy maintse
mitofo amy ty fiasa amy zane fomba zane iareo iaby feno dimampolo tao. Amy zane tao zane le tsy mahazo miasa
sase iareo. 26 Afake magnampe reo lehilahy zay manohy ty asa ao amy ty ajomba-lay fihoagna iareo, nefa tsy afake
miasa sase. Tsy maintse mitarike reo Levita amy reo zaka iaby reo iriha."

Chapter 9

[1]Vaho Yaveh nitsara tamy ndre Mosesy tagne agne amy ty tane tsy raraha ndre Sinay, tamy ty vola voalohane
tamy ty tao faharoe tafara tyt niboaha iareo tagne Egypta. Nanao tihoe Re: [2]"Lonike ty vahoagn'Israely handay ty
paska amy ty fotoa mipetrake amy ty tao. [3]Amy ty hariva ty andro faha folo efats'amby amy toy vola toy, ro tsy
maintse hiambenanao ty Paska amy ty fotoa mipetrake amy ty tao. Hiamby zane iriha, oriho ty lily amy ty
fifeheza iaby, vaho egninao ty lily iaby zay maifandrafy amy zane."[4]Kea, nitsara tamy ty vahoagn'Israely re
Mosesy te tokone hiamby ty firavoravoa ty Paska tamy ty vola voalohane iareo. [5]Le niamby ty Paska tamy ty vola
voalohane iareo, tamy ty andro faha folo efats'amby, tamy ty hariva, tagne amy ty tane tsy misy raraha ndre
Sinay. Nagnina ty zaka iaby zay nandilia Yaveh hatao ndre Mosesy ty vahoake ty Israely.[6]Vaho nisy ndaty sasane
naloto tamy ty faty ty ndaty raike. Tsy afake niamby ty Paska tamy zane andro iareo. Le nandeha eo agnatreha
ndre Mosesy naho Aronaiareo tamy zane andro zane. [7]Nanao tihoe reo ndaty reo tamy ndre Mosesy: "Maloto
noho ty faty ty ndaty zahy. Nanao akore tsy aponao hagnatitse soro ho ahy Yaveh amy ty fotoa mipetrake amy ty
tao eo amy ty vahoake ty Israely zahay? [8]Zao ty nata ndre Mosesy tamy iareo: "Lignaso aloha raho hitsano zay
handilia YAveh ty aminareo."[9]Nitsara tamy ndre Mosesy Yaveh. Nanao tihoe re: [10]"Mirehafa amy ty vahoake ty
Israely. Talilio tihoe, 'Laha misy maloto eo aminareo na ty taranagnareo noho ty faty ty ndaty, na amy ty le
lavitse, le tsy afake miamby ty Paska ho ahy Yaveh iareo.'[11]Lonike hiamby ty Paska amy ty hariva ty andro faha
folo efats'amby amy ty vola faharoe iareo. Mofo tsy misy masirasira naho anana mafaitsy ro ya maintse
hihinanane zane. [12]Tsy tokone hegnenga zane zisike-marindray iareo, na hanapake ty taolane. Lonike hagnarake
ty lily amy ty fifeheza iaby amy ty Paska iareo.[13]Te ty ndaty zay malio naho tsy nandia lavitse, feie tsy miamby ty
Paska, zane ndaty zane le holany tsy ho eo amy ty ndatine satria tsy nagntitse ty fagnatitse zay mpaiavy Yaveh
amy ty fotoa mipetrake amy ty tao re. Zane ndaty zane le hitaronjo ty helone. [14]Laha misy nbahine mitoboke eo
aminao vaho miamby ty Paska ho hasy Yaveh, lonike re hiamby zane naho hanao reo liline iaby, vaho hagnina
reo fifeheza ty Paska, vaho magnina ty lalàgna amy zane. Lonike hana lalàgna mitovy ho ahy reo mbahine naho
iaby zay fa terake ao amy iaze tane iriha."[15]Tamy ty andro nametraha ty tabernakely, ty hiboke nanaro ty
tabernakely, Iaze lay ty lalàgna ty fagnekea. Tamy ty hariva ty hiboke le teo ambony ty tabernakely. Niseho
manahake ty afo zisike-maraindray zane, [16]Nitohy manahake zane avao zane. Nanaro ty tabernakely ty hiboke
vaho niseho hanahake ty afo amy ty halike. [17]Na ombia na ombia ty hiboke ro nampiakary bak'eo amy ty lay, le
lasa tamy ty liane ty vahogn'Israely. na taia na taia ro nijanogna ty hiboke, le nagniaja teo tyu vahoagn'Israely.
[18]Arake lily Yaveh, ty vahoagny ty Israely le nandeha, vaho tamy ty liline ro nagniaja iareo. Laha nijano teo
ambony ty tabernakely ty hiboke, le nijano tane amy ty kianjane iareo. [19]Lafa nitoboke andro maro teo amy ty
tabernakely ty hiboke, le nagnina ty toro-lala Yaveh iareo vaho tsy nandeha.[20]Kindraikindraike ty hiboke le
nitoetse andro kele teo amy ty tabernakely. Tamy zane toe-jaka zane, le nagnina ty lily Yaveh iareo__nagniaja
vaho nanohy ty liane ndraike tamy ty liline. [21]Kindraikindrike ty hiboke le nijano nagnianja hatramy ty hariva le
zisiky maraindray. Laha niakatse ty maraindary ty hiboke, le nandeha iareo. Laha nitohy ty andro na ty halike
zane, le lafa niakatse avao ty hiboke vao nanohy nandeha iareo.[22]Na indroa andro, na vola raike, na ty herentao
ro nijanogna ty hiboke teo ambony ty tabernakely, laha mboe tsy nijano teo kea zane, le nijano tao an-kianjane
vaho tsy nandeha ty vahoagn'Israely. Te saky ty nakary ty hipoke, le lasa tamy ty liane iareo. [23]Nagnianja arake ty
lily Yaveh iareo. Nagnina ty lily Yaveh zay nomeine bak'amy ndre Mosesy iareo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 10

[1]Nirehake tamy ndre Mosesy Yaveh. Nanao tihoe Re: [2]"Magnamboara trompetra volafoty roe. Amy ty tefe tana ro
hagnamboaranao ty volafoty. Tsy maintse mampiasa reo trompetra iriha hikaiha ty fiangona miarake naho
hikaiha ty fiangona hamindra ty kianja iareo.[3]Reo mpisoro le tsy maintse hitioke reo trompetra soa hikaiha ty
fiangona iaby hitambatse eo agnolanao eo amy ty fiziliha mandeha amy ty ajomba-lay fihaogna. [4]Laha trompetra
raike avao ro tiofy reo mpisoro. Le hivory eo aminao reo mpitarike, reo loha ty foko ty Israely. [5]Lafa mitioke
famantara mafy nareo, le hanomboke ty lia iareo ty kianja agna atignana.[6]Lafa mitioke ty fanaira mafy
fagnindroane nareo, le hanomboake ty lia iareo kianja agne atimo. Tsy maintse mitioke fanaira mafy ho ahy ty
liane iareo. [7]Lafa miroy miarake ty fiangona, le tiofo reo trompetra, te tsy mafy loatse. [8]Reo anandahy ndre Arona,
reo mpisoro, ro tsy maintse mitioke reo trompetra. Zane le ho lalàgna zisikam-parane ho anreo hatramy ty
taranagny reo vahoakenao.[9]Lafa mandeha mialy agne amy ty tanenareo hanohitse ty mpialy zay mampahory
anareo nareo, le tsy maintse hampaneno fanaira amy reo trompetra. Iraho, Yaveh Andragnaharenareo, ro
hahatiaro anareo le hamonjy anareo amy reo fahavalonareo.[10]Vaho kea, amy reo fotoa ty fankalaza, le reo
firavoravoa mahazatse naho amy reo fiandoha reo vola, le tsy maintse hitioke reo trompetra nareo ho fankalaza
ty fagnatitse oroanareo naho reo soro hafa ho ahy ty fagnati-pilongoanareo. Hatao zane ho fahatiarovanareo
Ahike, iaze Andragnaharenareo. Iraho ro Yaveh Andragnahanareo."[11]Tamy ty tao faharoe, tamy ty voal faharoe,
tamy ty andro faharoapolo ty vola ty vola, le niakatse bak'eo amy ty tabernakely ty lalàgna ty fagnekea ty hiboke.
[12]Nanohy ty liane niala tagne amy ty tane tsy misy raraha ndre sinay ty vahoagn'Israely. Nijano teo amy ty tane
tsy misy raraha ndre Parana ty hiboke. [13]Nanao ty lia iareo voalohane, arake ty lily Yaveh zay nomeine tamy ty
alala ndre Mosesy iareo.[14]Ty tobe ambane ty fagneva ty taranagn'i Joda ro niboake voalohane, nampiboake reo
fialiane iabe Nasona anagn'i Aminadaba nitarike ty tafike i Joda. [15]Netanela anandahy ndre Zoara nitarike ty
tafike ty foko taranagny ndre Isakara. [16]Eliaba anandahy ndre Helona nitrarike ty foko ty taranagne ndre
Zebolona.[17]Reo taranagny ndre Gersona naho Merary zay niambe ty tabernakely, le nanjotso ty tabernakely vaho
niongake tamy ty liae iareo. [18]Bak'eo, reo tafike ty faneva ty tobe i Robena le niongake. Elizora anadahy ndre
Sedeora nitarike ty tafike ndre Robena. [19]Selomiela anadahy ndre Zorisaday nitrarike ty tafike ty foko ty
taranagny Simeona. [20]Eliasafa anadahy ndre Doela nitarike ty tafike ty foko taranagny ndre Gada.[21]Niongake reo
Kehatita. Ninday ty fiasa masy tao amy toera masy. Ty ilae le nampiakatse ty tabernakely aloha ty nahavia ty
Kehatita teo amy ty tobe magnarake. [22]Reo tafike tambane ty fagneva ty taranagny ndre Efraima no niongake
nagnarake. Elisama anadahy ndre Amihoda nitarike ty tafike ndre Efraima. [23]Gamaliela anadahy ndre pedazora
nitarike ty tafike ty foko taranagny ndre Manase.[24]Abidana anadahy ndre Gideony nitarike ty tafike ty foko ty
taranagny ndre Benjamina.[25]Reo tafike ze nitobe tambane faneva ty taranagny ndre Dana ro niongake farane.
Ahiezera anadahy ndre Amisaday nitarike ty tafike Dana. [26]Pagiela anadahy ndre Okrana nitarike ty tafike ty
taranagny ndre asera. [27]Ahira anadahy ndre Enana nitarike ty tafike ty foko ty taranagny ndre naftaly. [28]Tamy
zane fomba zane ro niongake reo tafike ty vahoake ndr'Israely tamy ty liane.[29]Niresake tamy Hobaba anadahy
ndre Regoela Midianita ty Mosesy. Regoela ro baba ty valy ndre Mosesy. Nirehake tamy ndre Hobaba ty Mosesy le
nitsara tihoeke:"Handeha hoagne amy ty toera ze nifarita, Yaveh zahay.Nanao tihoe Yaveh: 'Homeiko anareo
zane.' Ndao hiarake aminay le hanaovanay soa anareo. Yaveh fanampahafantatse ty hanaosoa ty Israely."[30]Te
nanao tihoe Hobaba tamy ndre Mosesy: "Tsy handeha hiarake aminao raho. handeha hoagne amy ty taneko naho
ty ndatiko raho."[31]Vaho le namale Mosesy tihoe:"Lonike mba hangnenga anay riha. Riha mahay ty hijanogna agne
amy ty tane tsy misy ino ino. Tokone hiambe gnanay riha. [32]Naho handeha hoaminay riha,le hataonay aminao
arake ty soa ze natao Yaveh taminay."[33]Nandeha niala ty vohitsy Yaveh agnate telo andro iareo. TY tomobily ty
fagnekea Yaveh nandeha taloha iareo agnate ty telo andro mba hipay toera hitofa hoahy iareo. [34]Ty himbogny
Yaveh le teo ambone iareo tamy ty andro naho nandeha iareo.[35]lafa mandeha ty tomobile, le mitsara tihoe:
"Mitsangana , Yaveh.a,bognaho reo fahavalonao. ampilaiso hiala eo Aminaoze malaign'Anao." [36]Lafa mijano ty
tomobile, le nitsara Mosesy tihoe: "Mimpolia, Yaveh, amy ty Israely agn'agnaline maro."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

# Chapter 11

[1]Vaho nitaray momba ty olagn'iareo ty vahoake raho nijanogn 'Yaveh. Nahaheno reo ndaty Yavehle lasa nimeloke.
Nisy afo Yaveh nagnoro iareo vaho nandrava ty ilane tamy reo tobe tegne tagnolone. [2]Bak'eo le nikaike andre
Mosesy reo vahoake, kea le nivavake tamy Yaveh Mosesy,vaho nijano ty afoy. [3]Nomeagn'agnara tihoe Tabera zane
toera zane, lefa nirehetse tamy iareo ty afo Yaveh.[4]nanomboke niaranijano tamy ty taranagn'Israely ty ilane tamy
reo hafa firenena. Nagniry ty hitava hane soa kea iareo.Vaho nanomboke nitagny reo vahoagn'Israely nanao tihoe
ia ro hagomey hane hohanenay? [5]Tiaronay ty fia ze nihanenay tsy vilie tagne Egypte, reo kokombra, reo vatavo
reo tangolo ravene, reo tangolo, vaho tangolo lay. [6]Henanezao tsy misy ty hohanentika, lefa ty hane hisantika le
toy mana toy avao.[7]Ty mana le manahake vaon-drafe.Mmanahake ty dintin-ketay zane. [8]Nandeha nagnodidy reo
ndaty vaho namory zane.Nilisagn'iareo tamy fandisanam-bare zane. Nilinisa tamy ty lao, nampandeve tao ampo
velagne, vaho natao mofo mamy. Nitovy fafiro tamy ty maneke oliva zane.[9]Lafa nilatsake teo amy tobe ty rano ty
ando ty haleke,le nilatsaky kea ty mana. [10]Naharey reo ndaty nitagny tao amy ty longo iareo Mosesy, vaho ty
lehilahy iaby le teo amy ty fiziliha ho agne amy ty laine.Meloke mafy Yaveh, vaho diso teo amaso ndre Mosesy ty
fitoreone iareo.[11]Nanao tihoe Mosesy tamy Yaveh: "Nana akore Riha ro mpanjaly ty mpiasanao?
Nampintaranjoanao ty enta-mavesatsy reo ndaty iaby reo raho. [12]Raho va ro namoro reo ndaty reo? Raho va ro
niterake iareo r hitalilianao amiko tihoe: 'Trotro angnaranao manahake ty fitrotroa ty babane ty ajaja iareo?
'tokone handay iareo agne amy ty tane zay nampandignisenao homey ty razagne iareo raho?[13]Aia ro hahisahako
hane homeiko toy vahoake maro toy? Mitomagny agnoloako eo iareo vaho mitsara tihoe:Meo hane hotava zahay.
[14]Tsy afake ty handay ndaty reo ndaty reo arere raho. Bey loatse hoahy reo.[15]Lefa andesinao manahake zane raho,
le vono raho henaneo , vaho afaho amiko ty haoreako."[16]Nanao tihoe Yaveh tamy Mosesy: handay ndaty bey
Israely fito-polo Raho. Ataovo azo antoke te ndaty bey naho manan-kase ty vahoake kea iareo. Andeso ao amy ty
tragno lay fihaogna iareo mbo hiara-hitsanga aminao. [17]Hizotso vaho hiresake aminareo agne Raho. Hangalake ty
ilane amy reo fagnahy zay ao aminao Raho vaho hametrake zan amy iareo. Hiarake hitarazo t y enta-mavesatse
reo vahoake hiareke aminao iareo. Tsy handay zane arere riha.[18]Talilio amy reo vahoake tihoe:'Manokana tegna
nareo, ho amy ty hamaray vaho hitava hena kea vatane nareo,satri nitagny nareo vaho rey Yaveh. Riha nitalily
tihoe: "ia ro hagnomey hena hotavanay? Soa taminay ty tagny Egypta."Noho zane Yaveh le hagnomey
mahatanjake ho anareo,vaho hitava zane nareo. [19]Tsy hitava mahatanjake maharetse ndraike andro, roa andro,
dimy andro, na roa polo andro avao nareo, [20]te hitva mahatanjake maharitse ty volane raike tontolo mandra-
piboake zane agne amy ty lavak'orognareo. Hoheje nareo zane lefa nandietse ahy Yaveh, ze aminareo eo nareo.
Nitagne teo agnatrehane nareo. Nanao tihoe nareo:" Nanao akore zahay ro nienga ahy Egypta?"""[21]Vaho nanao
tihoe Mosesy: "Miarake amy ty ndaty 600. 000 raho, vaho nanao tihoe Riha: 'hagnomey mahatanjake ho tava ho
ahy iareo Raho maharitse ty vola raike.' [22]Tokone hamono reo aondre amin'ose vaho ty aomby va zane zahay
hampifalea aireo? Tokone haminta fia iaby ampo ty ranomasy va zahay mbo hampifalea aireo?" [23]Nanao tihoe
Yaveh tamy ndre Mosesy: "Fohe va ty tagnako? Zao le ho hisanao laha marine ty tsarko na vande."[24]Nimboake
Mosesy vaho nitalily tamy reo vahoake ty tsara Yaveh. Namory ndaty bey fito-polo tamy reo vahoake reke vaho
nandahatse aireo nagnodidy ty lay. [25]Nizotso bak'agne amy ty hiboke Yaveh vaho nitsara tamy Mosesy. Nangalake
ty fagnahy ilane ze tao amy ndre Mosesy Yaveh vaho nametrake zane teo amy reo ndaty bey fito-polo. Lafa
nitoetse tao amy iareo lay fagnahy, le nitoky iareo, nefa tamy io avao te tsy nimpoly sase.[26]Lehilahy roe ro nijano
tao amy tobe, nikaike tihoe Eldada naho Medada.Nitoboke tao amy iareo kea laqy fagnahy. Ty agnara iareo le
voasoratse tao amy ty lisite, fe tsy niboake ty lay iareo. Na le zane aza, nitoky tao amy tobe iareo. [27]Nisy zatovo
raike tao amy ty tobe nilailay vaho nitsara tamy ndre Mosesy tihoe: "Eldada naho Medada le nitoky ao amy
tobe."[28]Josoa anadahy ndre Nona, mpagnampe ndre Mosesy, raike tamy reo lehilahy vaofily, le nitsara tamy ndre
Mosesy tihoe: Re Mosesy tompoko, ampiheregno iareo." [29]Nanao tihoe Mosesy tamine: "Befarahy naho tyamiko va
riha? Magniry raho naho mbo mpitoky iaby ty vahoagn'Yaveh iaby vaho hametake ty fagnahine amy reke iaby
reo Reke!" [30]Bak'eo Mosesy naho reo ndaty bey ndr'Israely nimpoly tao amy ty tobe.[31]Bak'eo le nisy tioke bak'agne
amy Yaveh vaho nanday papelika bak'agne ampo ranomasy. Nitonta teo agnila ty tobe reo, teo amy ty lala
ndraik'andro tane amy ty agnilane vaho lala ndraik'andro tagny amy ty angnilane. Nognodidy ty tobe reo
papelika teo amy kolometatse ambone ty tane. [32]Sahira reo ndaty namory reo papelika tamy zane andro zane, ty
halike iabe, vaho ty andro magnarake. Tsy nisy namory papelika nipoke ty folo homera. Nizara reo papelika
nameno ty tobe iaby iareo.[33]Laha mboe teo agnegnela ty nify iareo ty mahatanjake, laha mboe nihota zane iareo,
le nimeloke tamy iareo Yave. Namono reo ndaty tamy ty arete bey Reke. [34]nikinaike tihoe Kibrota Hatava zane
toera zane satri tao ro nandevagna iareo ty ndaty ze nagniry hena mafy. [35]Niala bak'agne Kibrota Havata reo
ndaty mba ho agne Hazerota, nijanogna iareo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 12

[1]Bak'eo Myriama naho Arona nanotse andr Mosesy noho ty ampela kosita zxe nalaene vale. [2]iareo nanao tihoe:
"Mosesy avao va ty nitsara Yaveh? Nao tsy nitsara tamintika kea va Reke? vaho nirey Yaveh ze nitalily iareo.
[3]Vaho vatane miambane ty lehilahy Mosesy, bey fiambanea naho ty ndaty iaby etoy antane.[4]Teo no eo Yaveh le
nitsara tamy ndre Mosesy, Arona, vaho Miriama tihoe: "Miboaha, nareo telo, hoagne amy tragno lay fihaogna.
Noho zanele niboake iareo telo. [5]Bak'eo nizotso tegne amy ty hiboky bey. Nitsanga teo amy filira ao amy ty lay
Reke vaho nikaike andre Arona naho Miriama. sambe nizilike iareo roe.[6]Nanao tihoe Yaveh: "Amy henane zao
janjigno ty tsarako. Lafa miarake aminareo ty mpitokiko, le hitalily ty vatako amine amy ty fahisaha Raho vaho
hitsara amine ampo nofy. [7]Tsy manahake zane Mosesy mpiasako. Matotse reke ao amy ty ajombako iaby.
[8]miresake miharihary amy Mosesy Raho, te tsy amy ty fahisaha famatara. Hisagne ty vatako. Ka nanao akore
nareo ro tsy matahotse ty hiresake hanohitse ty mpiasako, manohitse andre Mosesy?"[9]Nirehitse tamy iareo ty
hatezera Yaveh, vaho bak'eo Reke nienga aiereo. [10]Niala teo amy lay hiboke, vaho Myriame lasa voa ty angamay
tampoke_fote manahake mika reke. Lafa nitolike tamy Myriame agne Arona, le hisane te nisy angamae reke.
[11]Nanao tihoe Arone tamy ndre Mosesy: "Nao tompoko, ka tanjaha aminay toy handisoanay toy. Niresake
adaladala zahay, vaho nanao rate. [12]Ka apoke hanahake ty aja vao terake mate reke ze lany ty vakimira ty nofone
naho vao terake bak'ao antrondrenene"[13]Noho zay le nikaike ahy Yaveh re Mosesy. Nanao tihoe reke: "Mangatake
re mba sitrgno reke. lay Andragnahare, mangatake." [14]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: " Laha nadora tamy
ty sadriny ty babane, le ho salatse maharitse fito andro reke. Halio angne ambalike ty tobe agne fito andro reke.
Afara zane le nadeso mimpoly atoy ndraiky reke." [15]Kea le nihilia tagne ambalike ty tobe maharitse fito andro
reke. Tsy nandeha ty vahoake amparake ty impoliane tao an-toby.[16]Tafara zane, le niala bak'ao Hazerota ty
vahoake vaho nijano tagne amy ty tane tsy misy ino na ino ndre Parana.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 13

[1]Le nitsara tamy ndre Mosesy Yaveh. Nanao tihoe reke: [2]"Magniraha lehilahy maromaro mba hanente ty tane
Kanana, ze nomeiko ty vahogn'Israely. Magniraha lehilahy raike baka amy ty foko ty razambey iareo iaby. Reo
lehilahy kiraikiraiky le tsy maintsy mpitarike eo amy iareo."[3]Nagnirake aiereo bak'agne amy tane tsy misy na ino
na ino ndre Parana re Mosesy, mba hahafaha iareo magnina ty lily Yaveh. Iareo iaby le smbe mpitarike teo amy
ty vahoagn'Israely iaby. [4]Reto ro agnara iareo: bak'amy ty foko ndre Robena le re Samoa anadahy ndre Zakora;
[5]bak'amy ty foko ndre Simeona le re Safata,anadahy ndre Hory; [6]Bak'amy ty ndre Joda le re Kaleba anadahy ndre
Jefona; [7]bak'amy ty foko ndre isakara le re Jigala anadahy ndre Josefa; [8]bak' amy ty foko ndre Efraima le re Hosea
anadahy ndre Nona;[9]bak'amy ty foko ndre Benjamina le re Palty anadahy ndre Rafo;[10]bak' amy ty foko ndre
Zebolona le re Gadiela anadahy ndre Sody; [11]bak'amy ty foko ndre Josefa (ze midika tihoe bak' amy ty foko
Manase) le re Gady anadahy ndre Sosy; [12]bak'amy ty foko ndre Dana le re Amiela anadahy ndre Gemaly;[13]bak'
amy ty Asera le re Setira anadahy ndre mikaela; [14]bak'amy ty foko ndre Naftaly le re Naby anadahy ndre Votsy;
[15]bak'amy ty foko ndre Gada le re Geoela anadahy ndre Maky. [16]Reo ro agnara reo lehilahy ze nirahy ndre Mosesy
mba hanente ty tane. Nikinaike ndre Mosesy tamy ty agnara ndre Josoa re Hosea anadahy ndre Nona.[17]Nirahe
ndre Mosesy mba hanente ty tane Kanana iareo. Nanao tihoe reke tamy iareo: " Milirabak'agne Negeva vaho
manganiha agne amy ty tane haboa. [18]Henteo ty tane mba hahisaha tihoe manahake ty manao akore.Safiraio ty
ndaty mitoboky ao, na matanjake na maleme, vaho na kele na maro. [19]henteo ty toetse taneo itoboha iareo. Soa va
zane sa raty? tana ino ro ao? Manahake ty tobe iareo, sa tana mifefy lakoro vato? [20]Henteo ty toe ty taneo, naho
soa hambolea na raty, vaho naho misy hetae mitiry tiao na tsy misy. Mimafea le mandaisa tampane amy ty
vokatse ty tane." Vaho zane le fotoa zane le fotoa ty voaloha ty voaloboke masake.[21]Kea le niakatse reo lehilahy
reo le nisafo ty tane bak'agne amy ty tane tsy misy na ino na ino ndre Sina le hatragne Rehoba, marine andre
Lebo Hamata. [22]niakatse bak'agne Negeva iareo vaho avy tagny Hebrona. Ahimana, Sesay, vaho Talmay, reo foko
bak' amy ndre Anaka le tao. Vaho Hebrona le fatatsanga fito tao taloha ndre Zoana agny Egypta.[23]Lafa avy tao
amy vavabaibo ndre Eskola iareo, le nanam-pake toram-boaloboko. Nitarazoe ty roe lahy tamy ty fitogno zane.
Nanday ampongaben-dagnitse naho aviavy kea iareo. [24]zane toera zane le kinaike tihoe vavabaibo ndre
Eskola,naho ty toram-boaloboke ze nitampahe ty vahoagn'Israely tao.[25]Afake efapolo andro, le nimpoly bak'agne
am-panentean-tane iareo. [26]Nimpoly tagne amy ndre Mosesy, Arona, vaho reo fitambara ty vahoagn'Israely tagne
amy ty tane tsy misy na ino na ino ndre Parana,tagne Kadesy iareo.Nanday valin-dresake tamy iareo naho tamy
ty fitambara iaby,vaho nampiseho tam y iareo ty vokatse bak'ao amy ty tane iareo.[27]Nanao tihoe tamy ndre
Mosesy iareo: "Avy tagne amy ty tane ze nagnirahanao anay zahay. Vatane tondra-dronono naho tantely vatane
zane. Intoa ty ampahane tamy ty vokatse bak'amy zane. [28]Na zane ka, reo ndaty manao fitoboha iareo ao le
matanjake. Reo tana le mifefy lakoro vato naho malalake. nahisake ty taranagne ndre Anaka tao avao kea zahay.
[29]Reo Amalekita mitoboke agne Negeva. Reo Hetita, Jebosita, vaho reo Amorita le magnory ty tragnone iareo agne
amy ty tane haboa. Reo Kananita le mitoboke egne agnolon-dranomasy naho magnarake ty sihaneky
Jordane."[30]Vaho Kaleba nampitsy reo vahoake ze teo agntreha ndre Mosesy le nanao tihoe: "Lonike zahay hiboake
vaho hangalake ty tane hafanagna, lefa vitantika kea ty handrese zane." [31]Te reo lehilahy hafa niarake tamy iareo
nanao tihoe: "Tsy vitantikaty hanafike reo vahoake satria mahere noho ntika iareo."[32]kea le mampiparitke tatitse
mahakamo tamy ty vahoagn'Israely mikasik ty tane ze baka nihentea iareo. Nanao tihoe iareo: " Ty tane ze
novambane le tane mihina ty vahoagne. ty ndaty iaby ze hisagnay le befoloay naho bey noha abo iaby.[33]Nahisake
reo ndaty bey foloay tao zahay, taranagne ndre Anana, ndaty ze bak'amy ty ndaty befoloay. Laha ty fanenteanay
arere le manahake ty valala ntika naho ampitovy amy iareo, vaho zane kea zahay naho hetea iareo."

## Chapter 14

[1]Tamy zane haleke zane le nitagne mafe ty fiangona iabe. [2]Nagnaraty andre Mosesy naho Arona ty
vahoagn'Israely iaby. Nanao tihoe ty fiangona tamy iareo: " Ndra aleo zahay zahay maty tagne Egypta, na eto amy
toy tane tsy musy na ino na ino toy! [3]Nanao akore ro nandesa anay tamy toy tane toy mba ho mate meso Yaveh?
Hanjary ho lany amy zane ty valinay naho ty anagnay. Nao va tsy soa ho anay ty mimpoly agne
Egypta?"[4]Nifampirehake iareo tihoe: "Ndao ntika hifily mpitarike hafa, le handeha ntika himpoly agne Egypta. [5]Le
nihohoke tamy vatany tagnoloa ty fivoria ty fiangona ty vahoagn'Israely iaby re Mosesy naho Arona.[6]Nandriatse
ty akanjo iareo re Josoa ana ndre Nona naho Kaleba ana ndre Jefone,ze ilane tamy reo nireha mba hisafo ty tane.
[7]Nitsara tamy ty fiangona vahoagn'Israely iabe iareo. Iareo nanao tihoe: " Tytane ze nandehananay naho
niheteanay le tane soa vatane.[8]Naho tea antika Yaveh le handay antika agne amy zane tane zane naho hagnomey
zane hoantika Reke. Le tane tondra-drononoonaho tantely.[9]Fe ka miala amy Yaveh, vaho ka matahotse ty vahoake
ty tane. Handrava aereo mora avao manahake hane ntika.Ho afaha amy iareo ty fiarova aereo,satria miaro
antika Yaveh. Ka matahotse aiereo. [10]Nikorake hamono aze naho hitorake vato aze ty fiangona iaby. Le niseho
tamy ty tragno lay fihaogna tamy vahoagn'Israely iaby ty hase Yaveh.[11]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy:
"Zisike mbia ro hanaova toy vahoake toy tsy misy dikane Ahike? Zisike mbia ro tsy hatokisa iareo Ahike, na le teo
ka reo famantara ty hereko iaby ze fanataoko amy iareo teo? [12]hamofoko aiereo amy ty arete mahafate Raho, tsy
hampandavo aiereo, vaho hampitsanga firenena holehibey naho mahere noho iareo bak'amy ty fokonao avao
Raho."[13]Nanao tihoe Mosesy tamy Yaveh: "Naho manao zane Riha, haharey ty momba zane Egyptiana, satria
namonje ty vahoake ty tamy iareo tamy herenao Riha. [14]Hitalily zane amy reo vahoake toy tane toy iaereo. Frey
iareo te Riha, Yaveh, ro miarake amy toy vahoake toy, satria faninkahisake nifakahita vata Riha. Nitsanga amy ty
vahoakenay ty hibokinao. Niolo iareo tamy ty fiaro hiboke Riha ty antoandro vaho tamy ty fiaro afo ty halike.
[15]Amy henane zao naho mamono toy vahoake toy manahake ty ndaty raike Riha, le hitsara reo firenena ze
naherey ty lazanao le hanao tihoe: [16]'Satria tsy nahavita nitondra toy toy tane amy ty tane ze nifanta homey iareo
Yaveh, le nivonoene tane tsy misy na ino na ino iareo.'[17]Amy henaneo zao, mangataka Aminao raho, ampiasao ty
herenao befolay. Te fanitalily Riha tihoe: [18]'Tsy malaky meloke Yaveh vaho tsy mivalike fagnenkegna. Mampipoke
heloke naho fahadisoa Reke. Tsy mba magnamrina ty meloke Reke te mamaly ty hadisoa ty razambey amy ty
taranagn'iareo, le amy ty taranagny fahatelo naho fahefatra.' [19]Magnafaha, mangatake Aminao raho, ty hadisoa
toy vahoake toy naho ty habefoloay ty famindragnarofonao, manahake ty fanagnafahanaoisake hariva toy
vahoake toy nanomboke tamy ty fotoa naha-tagne Egypta iareo zisiky amy henanezao."[20]Nanao tihoe Yaveh:
"Fanagnafake aiereo amy ty fagnatentara ty fangatahanao Raho, [21]Fe to vatane, naho velo kea Raho, vaho naho
feno ty hasy kea ty tane iaby.[22]Reo ndaty iaby ze nahisake ty hasiko naho ty famantarako ty here ze nanoeko tagne
Egypta naho tagne amy ty tane tsy misy na ino na ino reo_le mboe mangala fagnahy Ahike zay impolo zay iareo
vaho tsy nijano ty feoko.[23]Kea mitalily raho te tsy hahisake ty tane ze fanifantako tamy reo razzagne bey kea
iareo. Tsyhisy na raike amy reo nanao tsy misy dikane Ahike hahisake zane [24]nahotsy re Kaleba mpiasako, satria
mana fagnahy hafa reke. Fanagnarake Ahike vatagne reke; le handay aze ao amy ty tane ze nandehanane
hohantea Raho. Hangalake zane hofanagnane reo taranagne. [25](Vahoreo Amalekita naho Kananita le nitoboke
tagn e ambavatane.) Mimpolia le mandena agne amy ty tane tsy misy na ino na ino amy ty lala magnagny amy ty
ranomasy Mena hamaray.'"[26]Nitsara tamy ndre Mosesy naho Arona Yaveh. Nanao tihoe Reke: [27]"Zisike mbia ro
handerako ty fiangona raty ze magnomey tsiny Ahike toy? Fareiko ty fitaraigne ty vahoak'Israely amiko[28]Talilio
amy iareo tihoe: 'Naho velo kea Raho',hoy Yaveh, 'manahake ty nitalilinareo teo an-tsofiko, ro hanovakozao
aminareo Raho: [29]Hiampatse agne amy ty tsy misy na ino na ino ty fatinareo, le nareo iaby ze nitaray ty Amiko,
nareo ze voaiake tamy ty fagnisam-bahoake, ty fiharoa ty isagny ty ndaty roapolo tao naho mihoatse. [30]Tsy hilitse
agne amy ty tane ze nampandigneseko hanoenareo fitoboha vatane nareo, lahatsy Kaleba ana ndre Jefone naho
Josoa ana ndre Nona.[31]Fe ty ananareo ze nitalilinareo te hosimba le handesiko militse ao amy ty tane iareo.
Hovelo agne amy ty tane ze niheje iareo! [32]Vaho ty amireo, hiampatse agne amy ty tane tsy misy na ino na ino ty
fate iareo. [33]Hompiarake aondry agne amy ty tane tsy misy na ino na ino agnet ty efapolo tao eo ananareo. Tsy
maintsy hiaritse ty vokatse ty asa filieranareo zisike hahafatenareo agne amy ty tane tsy misy na ino na ino iareo.
[34]Manahake ty isagny ty andro zenisavanareo ty tane_efapolo andro, le maintsy hiaretse ty vokatsee ty
hadisoanareo zisike efapolo tao manahake zay kea nareo-heretao hoahy ty andro raike le ho hainareo tihpoe
manao aaakore zane ho fahavalo zane. [35]Raho, Yaveh, ro fanitsara. Hanoeko hoahy toy fiangona raty raty ze
miara-mivory hanohetse Ahike tpy vatane zane. Holanieko iaby iareo, le ho mate etoa."[36]Kea reo lehilahy ze nrahe
ndre Mosesy mba hanente ty tane [37]Le mate ty arete-mandrava teo agnoloa Yaveh iaby. Reo le ty lehilahy ze
nimpoly le nitalily raty mikasike ty tane. Zane ro nampitaray ty fiangona iaby ty amy ndre Mosesy. [38]amy reo


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

lehilahy ze nandeha mba hanente ty tane, le re Josoa ana ndre Nona naho Kaleba ana ndre Jefona avao ro ho sisa
nimpoke velo.[39]Lafa nagnambara reo tsara reo tamy vahoake ty Israely iabey re Mosesy, le nalahelo mafe iareo.
[40]Nifoha maraindray iareo le nagnagny ambone vphitse agnee vaho nanao tihoe: "Ingo, reto zahay, vaho handeha
hoagne amy ty toera ze nampandignise Yaveh, fananao raty zahay."[41]Fe nanao tihoe Mosesy: "Nanao akore nareo
ro mandika ty lily Yaveh amy henanezao? Tsy hanjare nareo.[42]Ka mandeha, satria tsy miaro anareo hikala anareo
tsy horese ty fahavalonareo Yaveh. [43]Agne reo Amalekita naho reo Kananita, le ho mate-meso nareo satria
faniodike tamy ty fagnaraha ahy Yaveh nareo. Kea tsy hirao anareo Reke.[44]Kanefa nahasakisaky nanganike tagne
amy tane haboa iareeo; na zane ka, le tsy niala tao an-tobe na re Mosesy na try tomobile ty fagnekea Yaveh. [45]Le
nizotso reo Amelekita, naho reo Kananita ze nitoboke tamy reo kaboa reo kea. Nanafike reo israeita vaho
nandrese aze reo tegne an-dala magnagny Horma iabe iareo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 15

[1]Vaho nitsara tamy ndre Mosesy re Yaveh. Nanao tihoe: [2]"Mirehafa amy ty vahoagne ty Israely vaho tsarao iareo
tihoe: 'Lafa handeha agne amy ty tane ze hitobohanreo nareo, le ze homey Yaveh anareo, [3]le hagnoma fagnatitse
amy ty afo ho ahy ty Yaveh nareo, na fagnatitse oroa na soro soa hagnatanteraha sareke na fagnatitse an-tsitra-
po, na fagnatitse amy ty valavatonareo, soa hamokatse hagnitse tea ho ahy Yaveh, bak'amy ty aombe na aondre.
[4]Lonike hagnomea soro oroa ho ahy Yaveh nareo vaho kea ampahafolo ty efaha amy ty lafarine soa lisa
voaharoharo amy ty menake ampaefa ty hina ho fagnatitse hotava. [5]Lonike hagnomey divay ampaefa ty hina ho
fagnatitse inome ho ahy anak'aondre kiraikiraike avao kea nareo, miarake amy ty fagnatitse oroa, na ho ahy ty
soro.[6]Laha magnomey aondre lahy nareo, le lonike hagnoma lafirine soa lisa roa ampahafolo ty efaha voaharo
amy ty menake ampahatelo ty hina nareo ho fagnatitse hotavae. [7]Ty amy ty fagnatitse inome, lonike hagnomey
divay ampahatelo ty hina nareo. Hamokatse hagnitse magni-pofo ho ahy Yaveh zane.[8]Laha magnoma aombe ho
fagnatitse oroa nareo hagnatanteraha sareke, na ho fagnatim-piharoa amy Yaveh, [9]le lonike hagnomea lafarine
soa lisa ampahatelo ty efaha voaharo amy ty menake antsasake ty hina miarake amy ty aombe nareo ho
fagnatitse hotavae. [10]Lonike hagnomey divay vakimira ty hina nareo ho fagnatitse inome, manahake ty fagnatitse
vita amy ty afo, soa hamokatse hagnitse magnim-pofo ho ahy Yaveh.[11]Lonike ho vita ho ahy ty aombe kiraikiraike
zane fomba zane, ho ahy ty aondre lahy, vaho ho ahy ty anak'aondre lahy kiraikiraike na kea ose vantots'ose. [12]Ty
soro kiraikiraike z omaninareo naho ameanareo le lonike ho vita manahake ty voafaritse eto.[13]Ty tera-tane
Israelita iaby le lonike hanao reo raraha reo amy io fomba io, lafa misy ndaty manday soro vita amy ty afo, soa
hamokatse hagnitse ze sitra Yaveh.[14]Laha misy bahine mitoboke miarake aminareo, na kea ze iaby mete hotavae
eop aminareo agnate taranake ty vahoagnareo, le lonike hanao fagnatitse vita amy ty afo reke, soa hamokatse
hagnitse magnim-pofo ho ahy Yaveh. Lonike hanao manahake ty fatao nareo reke. [15]Lonike ho lalàgna mitove ho
ahy fiaraha-monigne naho ho ahy ty vahine ze mitoboke miarake aminareo zane, lalàgna maharitse agnate ty
taranake ty vahoagnareo. Manahake anareo, ro lonike hitoboha reo mpandeha avao kea eo aminareo. Lonike
hanao manahake fataonareo eo agnatreha Yaveh reke. [16]lonike ho lily aman-dalàgna mitovy ro ampihare
aminareo naho ty mbahine ze mitoetse miarake aminareo.'"[1717]Mboe nitsara tamy ndre Mosesy ndraike Yaveh.
Nanao tihoe Reke: [18]Mirehafa amy ty vahoagn'Israely vaho tsarao iareo tihoe: 'Laha avy eo amy ty tane ze
hangalako anareo nareo, [19]laha mitava ty mahatajake vokatse eo amy ty tane nareo, le lonike hagnomey
fagnatitse naho haneho zane Amiko nareo.[20]Bak'amy ty voalohan-kobanareo ro tsy maintse agnateranareo mofo
soa hampiakiry zane ho fagnatitse asondrotse bak'amy ty fikororoha. Lonike hanondrotse zane ambone amy
zane fomba zane nareo. [21]Lonike hagnomey fagnatitse asondrotse ho Ahy nareo agnate ty taranake ty
vahoagnareo bak'amy ty voalohan-kobanareo.[22]hanao haratea tsy asanare aze nareo sendrasendra, laha tsy
magneke reo lily iaby ze fa nirehafiko tamy ndre Mosesy reo nareo__[23]ty raraha iaby ze fa nandiliako anareo
tamy ty alala ndre Mosesy zisikamy ty andro ze nanombohako nanomeza llily vaho mitohy agnate reo taranake
ty vahaognareo. [24]Amy ty fisia ty faharatea tsy asa aze amy ty tsy fahaiza ty fiaramonigne, le lonike hagnomea
vatots, aombelahy raike ty fiaraha-monigne iaby ho fagnatitse dora soa hamokatse hagnitse magnim-pofofo ho
ahy Yaveh. Miarake amy zane le ho vita ty fagnatitse hotavae naho fagnatitse inome, manahake nandilia tamy
reo lily, vaho aose lahy raike ho fagnatitse noho ty hadisoa.[25]Lonike hanao fagnavota ho ahy ty fiaraha-monigne ty
vahoagn'Israely iaby ty mpisoro. Ho voavela heloke iareo satria fahadisoa ty haretia. Fa nanday tty sorone iareo,
iaze fagnatitse vita tamy ty afo ho Ahike. Fa nanday ty fagnititse noho ty aratiane teo agnoloako iareo ho ahy ty
fahadisoa iareo. [26]Le ho voavela heloke iaby ty fiaraha-monigne ty vahoagn'Israely, naho reo mbahine mitotse
miarake amy iareo avao kea, satria nahavita heloke tsy asan'aze iaby ty vahoake iaby.[27]Laha manao ty rate tsy
asan'aze ty ndaty raike, le lonike hagnomey aose vave herentao ho fagnatitse noho ty Haratia reke. [28]Lonike
hanao fagnavota eo agnatreha Yaveh ty mpisoro ho ahy ty ndaty ze nanao raty tsy asan'aze. Ho voavelaheloke
zane ndaty zane lafa vita ty fagnavota. [29]Lonike hana lalàgna mitovy nareo ho ahy ze manao zaka tsy asan'aze,
lalàgna mitovy ho ahy ze zana-tane eo amy ty vahoagn'Israely naho hoa ahy ty vahine ze mitoetse eo iareo.[30]Te ty
ndaty manao zaka amy ty fahintia, na zana-tane re na mbahine, le mirehake rate Ahike. Lonike ho lany eo amy ty
vahoakine zane ndaty zane. [31]satria fa nanao tsy misy dikane ty tsarako re vaho nandika ty liliko, le lonike ho
lany vatagne zane ndaty zane. Ho amine vatagne faharatiane."[32]Laha mboe tagne an-tane tsy misy raraha ty
vahoagn'Israely, le nahisake lehilahy namore hetae tamy ty andro sabata iareo. [33]Reo ze nahisake aze le nanday
aze tagne amy ndre Mosesy, Arona, vaho ty fiaraha-monigne iaby. [34]Nitajaha iareo am-pingandra re satria mboe
tsy voatalily ze tokone natao tamine.[35]Le nitalily tamy ndre Mosesy re Yaveh tihoe: "Lonike ho vonoa vatagne iaze
lehilahy. lonike ty fiaraha-monigne iaby hitora-bato aze agne ambaliky ty kianja." [36]Kea nanday aze ambaliky ty
kianja ty fiaraha-monigne iaby vaho nitora-bato aze ho mate arake ze fa nandilia Yaveh ahy ndre Mosesy.[37]Mboe


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nirehake tamy ndre Mosesy ndraike Yaveh. Nanao tihoe Re: [38] "Miresafa amy ty taragn'Israely vaho mandilia aiereo soa hanao somotsy ty aviavy ho ahy vatagniareo hiravirave bak'eo amy ty sisy ty ankanjo iareo, soa hampiravirave aiereo sake ty morone amy ty taly mangamanga. Lonike hanao zane iareo agnate ty taranake ty vahoakine.[39] Ho fampahatiarova manoka ho anareo reo liliko iaby zane, soa hagnatanterake aiereo le tsy hivambanareo manoka ty arofonareo naho ty fanjonareo le himilianareo vata amy iareo.[40]Ataovo zane soa hahatiarovanareo naho hagnekeanareo ty liliko iaby, vaho soa ho masy nareo, natoka ho Ahike, Andragnaharenareo. [41]Iraho ro Yaveh Andragnaharenareo, ze nanday anareo niboake ty tane Egypta, soa ho lasa Andragnaharenareo. Iaraho ro Yaveh Anragnaharenareo."

Chapter 16

[1]Vaho Kora ro anandahy ndre ndre Jizara anandahy ndre Kehata anandahy ndre Levy, miarake amy ndre Datana
naho Aabirama anandahy ndre Eliaba, naho Ona anagne ndre peleta, tarana ndre Robena, le nampivory lehilahy
sasan-tsasane. [2]Nitsanga hanohitse ahy ndre Mosesy iareo, le niarake tamy reo lehilahy hafa baka amy ty
vahoagn'Israely, mpitarike fiangona dimampolo tsy roanjato ze mpikamba fahay laza teo amy ty fiangona.
[3]Niarake nivory iare soa hialy amy ndre Mosesy naho Arona. Nanao tihoe iareo tammine: "Lasa lavitsy loatse
nareo! Te voatoka ty fiangona iaby, ty kiraikiraiky amy iareo, vaho Yaveh le eo amy iareo. Nanao akor ro
manandrotse ty vatanareo eo amy tyamby ty fiangona Yaveh nareo?"[4]Lafa heno ndre Mosesy zane, le
nampiondrrike ty tarehene re. [5]Nitsara tamy re Kora naho iaby ze niarake tamine re tihoe: "Amy ty maraindray
lehampahafantare Yaveh reo ze Aze naho reo ze voatoka ho Aze. Handesine ho eo agnilane zana ndaty zane. ty
raike ze voafiline le handesine harinike ty vatane.[6]Ataovo zao, Kora naho ty tarine iaby. Alao ty fagnandesa afo
[7]Hamaray vaho asio afo naho diten-ketae magnitse agnate zane eo agnoloa Yaveh. Ty raike ze fily Yaveh, le ho
voatoka ho ahy Yavehzane ndaty zane. Lasa lavitse loatse, ry Taranagne ndre Levy."[8]Le nanao tihoe ndraike
Mosesy tamy ndre Ko: "Amy henanezao mitsanogna, nareo ry taranagne ndre Levy: [9]nao zaka kele aminareo vao
ty nampisarahan'Andragnahare anareo tamy ty fiangona ty Israely, soa handay anareo marine ty vatane, soa
hanao ty asane ao amy ty tabernakely Yaveh, vaho hitsanga eo agnoloa ty fiangona soa hiasa aiereo? [10]Nanday
anao marine Re, naho reo rahalahinao iaby, tarana ndre Levy, miarake aminao, feie mboe mipay ty fisorogna
avao kea nareo! [11]Noho zane ro niharoanareo naho ty tarikinao hanohitse ahy Yaveh. Le nanao akore nareo ro
mitoreo mikasike ahy ndre Arona, ze magneke ahy Yaveh?"[12]Vaho Mosesy nikaike ahy ndre Datana naho
Abirama, anandahy ndre Eliaba, te nitsara iareo tihoe: "tsy hiakatse zahay. [13]zaka kele aminao moa ty nandesanao
anay niakatse niboake ty tane mamokatse ronono naho tantely, soa hamono anay agne amy ty tane tsy misy
raraha? amy henanezao le magniry ty vatanao hanapake eo a,aminay Iriha! [14]Ho fagnampe zane, tsy nanday anay
tagne amy ty tane mamokats ronono naho tantele Iriha, na nagnomey anay reo baibo naho tanem-boaloboke ho
lova. Amy henenazao le magniry hahapoake anay amy reo fampagnantegna avao vao Iriha? Tsy ho agne aminao
zahay."[15]Masiake mafe re Mosesy vaho nitsara tamy Yaveh tihoe: "ko magneke ty fagnatine. tsy nangalake na
apondra raike tamy iareo raho, vaho tsy nagnisy rate na ty raike tamy iareo kea." [16]vaho nitsara tamy ndre Kora
re Mosesy tihoe: "hamaray le tsy maintse handeha eo agnatreha Yaveh iriha naho tarikao__iriha naho iareo, vaho
Arona. [17]Samia mangalake ty fagnandesan'afone nareo kiraikiraike vaho magnisy ty diten-ketae magnitse ao amy
zane. Bak'eo le lonike handay ty fagnandesan'afo dimam-polo naho roan-jato. Iriha naho Arona, avao kea, le
lonike hanaday ty fagnandesan'afonareo kiraikiraike."[18]Le nangalake ty fandesan'afone ty ndaty kiraikiraike,
namelo afo tamy zane, vaho nitsanga teo amy ty filira ty ajomba-lay fihaogna niarake tamy ndre Mosesy naho
Arona. [19]Namory reo fiaharoane iaby manohitse ahy ndre Mosesy naho Arona teo amy ty filira ty ajomba-lay
fihaogna re Kora, vaho niseho tamy ty fiharoane iaby ty hasy Yaveh.[20]Le niresake tamy ndre Mosesy naho Arona
re Yaveh tihoe: [21]Saraho amy toy fiangona toy ty vatanareo soa hahazahoako mandrava aiereo iaby hatragne."
[22]Niondreke re Mosesy naho Arona vaho nitsara tihoe: "Andragnahare, Andragnahare ty fagnahy ty ndaty iaby,
laha magnota ty ndaty raike, le ho masiake amy ty fiangona iaby vao iriha?[23]Namale ahy ndre Mosesy Yaveh.
[24]Nanao tihoe Reke: "'Mirehafa amy ty fiharoa. Mirehafa tihoe: "Mindrisoa amy ty lay ndre Kora, Datana, vaho
Abirama."[25]Le nandeha reo Mosesy vaho nangnagne Datana naho Abirama; reo ndaty bey ty Israely le nagnarake
aze. [26]Nirehake tamy ty fiharo re le nitsara tihoe: "Amy henanenzao le mindrisoa amy reo lay ty rate fagnahy vaho
ko mitsapa na ino na ino ty aiereo, sao ho rava amy ty alala reo faharatiane iaby iriha." [27]Kea nangnega aiereo
tamy ty zoro reo lay ndre Kora, Datana, vaho Abirama ty fiharoa. Niboake re Datana naho Abirama vaho nitsanga
teo amy ty filira ty lay iareo, niarake tamy reo valine, anandahy, vaho reo malikine.[28]vaho nitsara re Mosesy tihoe:
" Amy zao ro ahaizanareo te Yaveh ro nagnirake ahike hanao reo asa iaby, te tsy nanao rey tamy ty saiko avao
raho. [29]Laha maty amy ty fahafatesa voajanahary manahake ty zaka-misy ara-dalàgna rey ndaty rey, le tsy
nandefa ahike Yaveh. [30]Te laha mamoro fisokafa amy ty tane ze mitele aiereo ao manahake ty vava bey Yaveh,
miarake amy reo longone iaby, vaho laha mizotso velo agne amy ty fiagnan-tsy hisake iareo, le lonike ho hainareo
te rey ndaty rey le nanao tsy misy dikane ahy Yaveh."[31]Laha mboe tsy tapitse ty firehafa ndre Mosesy reo tsara
iaby reo, le nisokatse teo ambane reo lehilahy reo ty tane. [32]nanokatse ty vavane ty tane vaho nagnapa aiereo, reo
loangone, vaho reo ndaty iaby ze ahy ndre Kora, vaho kea reo firenena iaby.[33]Le poke velo tagne amy ty fiaignan-
tsy hisake iareo naho reo iaby tao amy reo longone. Nirindry teo ambony iareo ty tane, vaho tamy zane ro
nahalane aiereo teo ampagnivoa ty fiharoa. [34]Reo Israaely iaby magnodidy aiereop le nilay tamy reo koikoikine.
Nikoike iareo tihoe: " Mete hitely antika avao kea ty tane!" [35]Le nibelake ty afo bak'amy yaveh vaho nangnapake
reo 250 ndaty ze nagnomey diten-ketae magnitse.[36]Le nitsara tamy ndre Mosesy ndraike Yaveh vaho nitsara tihoe:

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

[37]Mirehafa amy ndre Eleazara anandahy ndre Arona mpisoro vaho lonike ze hamono ty afo amy fagnoroa ty
diten-ketae magnitse, te ty fandesa afo le voatoka ho ahike. Le apoho re hampiele ty vaen'afo agne lavitse. [38]Alao
reo fandesagn'afo reo ze namono ty fiaine noho ty faharatiane. Lonike rey ho atao finga voatefe soa ho
fandombofa ty alitara. Nagnomey rey teo agnoloako rey ndaty rey, le voatoka ho Ahike rey. Ho fahaiza ty fisiako
amy reo vahoagn'Israely reo.[39]Nangalake reo fandesagn'afo saba re Eleazara mpisoro ze nampiasa reo ndaty ze
may, vaho le nitefe ho fandombofa ho ahy ty alitara reo, [40]soa ho fampahatiarova ho ahy reo vahoagn'Israely, soa
tsy hisy mbahine ze tsy taranake bak'amy ndre Arona ho avy hangnoro diten-ketay magnitse magnoloa ahy
Yaveh, le tsy ho avy manahake ahy ndre Kora naho ty tarine iareo__arake ze fa nandilia Yaveh tamy ty alala ndre
Mosesy.[41]Te ty hamaray maraindray le nitoreo tamy ndre mosesy naho Arona ty fiharoa ty vahoagn'Israely iaby.
Nanao tihoe iareo: "Nivonoanareo ty vahoagne Yaveh." [42]Vaho niseho zane, lafa nivore hanohitse ahy ndre
Mosesy naho Arona ty fiharoa iaby, laha nivamba tao amy ty ajomba-lay fihaogna iareo, vaho, ingo, nanaro zane
ty hiboke. Niseho ty hasy Yaveh, [43]vaho Mosesy naho Arona le nandeha agnoloa ty ajomba-lay fihaogna.[44]Le
nitsara tamy ndre Mosesy Yaveh. nanao tihoe Re:[45] Mindrisoa lavitse tsy ho eo agnoloa ahy io fiharos io soa
hahazahoako mandrava aze iaby." Le nampiondreke ty tarehene tamy ty tane re Mosesy naho Arona. [46]Nanao
tihoe re Mosesy tamy ndre Arona: " Alao ty fagnandesan'afo, asio afo bak'eo amy aloitara, asio diten-ketae
magnitse ao agnate zane, andeso lmalake agne amy ty fiharoa zane, vaho manao fagnavota ho aiereo, satrai avy
bak'amy Yaveh ty siake. nanomboke ty arete mandane."[47]Le nanao arake ze natoro ndre Mosesy re Arona,
Nilailay ho eo ampagnivoa ty fiharoa re. Fa nanomboke niparitake malake teo amy ty ndaty ty arete-mandane,
kea nampilirine ty diten-ketae magnitse le nanao fagnavota ho ahy ty ndaty reke. [48]Nitsanga teo agnelagnela ty
velo naho ty maty re Arona; le tamy zane le nijano ty arete-mandane.[49]Reo ze maty ty arete-mandane le 14 700,
ankoatse reo ze maty noho amy ndre Kora. [50]Nimpoly tagne amy ndre Mosesy teo amy ty filiry ty ajomba-lay
fihaogna re Arona, le nijano ty arete-mandane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 17

[1]Nitsara tamy nde Mosesy Yaveh. [2]Nanao tihoe Reke: "Mirehafa amy ty vahoagn'Israely vaho mangala fitogno
bak'amy iareo, raike saky ty kiraikiraike amy reo fokon-draza, le fitogno folo roa amby. Sorato eo amy ty fitogno
iaby ty agnara ty ndaty kiraikiraike.[3]Lonike ho soratinao eo amy ty fitogno ndre Levy ty agnara ndre Arona. Tsy
maintsy misy fitogno raike bak'amy ty fokoan-drazane ho ahy ty mpitarike kiraikiraike. [4]Tsy maintse aponao ao
amy ty ajomba-lay fihaogna eo agnoloa ty lalagna ty fagneke, ze hifanjognako amina o reo fitogno. [5]vaho ty
fitogno ty ndaty ze filiko le hitsimoke. hajanoko ty fitaraigna bak'amy reo ndaty, ze ambarane hanohera
anao."[6]Kea le nitsara tamy reo vahoagn'Israely re Mosesy. nagnomey fitogno iaby reo mpitarike ara-poko, fitogno
raike iaby ho ahy reo mpitarike kiraikiraike, ze nitenendre bak'amy ty fokoan-draza sake isakine, fitogno folo roa
amby ro fiharoane. tao agnate zane ty fitogno ndre Arona. [7]Bak'eo le napo ndre Mosesy teo agnatreha Yaveh tao
amy ty lay ty lalàgna fagnekea reo fitogno.[8]Ty hamaray le nizilike tao amy ty lay yt lalàgna ty fagnekea re Mosesy,
vaho ingo, nitiry ty fitogno ndre Arona ho ahy ty fokoa ndre Levy. Nitiry kiboryzane vaho namoa felane naho
amygdala! [9]nandesy ndre Mosesy niboake tsy ho eo agnatreha Yaveh ho eo amy ty vahoagn'Israely iaby rei
fitogno iaby, vaho samy nangalake ty fitogno iaby ty ndaty kiraikiraike.[10]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy:
"Apoho eo agnoloa ty lalàgna ty fagneke ty fitogno ndre Arona. hanjario ho famantaran-keloke hanohitse reo
ndaty ze nilietse zane soa hagnavaozanao ty fitaraigna manohitse Ahike, laha tsy zane le ho mate iareo." [11]Nanao
arake ze nandilia Yaveh aze re Mosesy.[12]Nitsara tamy ndre Mosesy ty vahoagn'Israely le nitsara tihoe: "Ho mate
atoy tika. Ho rava iaby tika iaby! [13]Ze iaby miakatse, ze mamonje ty tabernakely Yaveh, le ho mate. Le tsy maitse
ho mate vao tika iaby?"

Chapter 18

1Zao ty ty tana Yaveh tamy ndre Arona: " Iriha, reo anagnao, vaho reo fokoan-drazanao le ho tompon'antoke amy
reo faratia iaby vita tamy ty fitoera masy. Te iriha naho reo anagnao arere avao ro ho tompon'antoke amy reo
faharatia iaby natao ty ndaty tao amy ty fisorogna. 2Manahake ty amy reo mpiara-mikamba aminao amy ty foko
ty Levy, reo fokoan-drazagnao, le lonike ho andesinao miarake aminao iareo soa hahazoa iareo mamonje anao
naho magnampe anao lafa manompo eo agnoloanao ty lay ty lalagna fagnekea irha naho reo anagnao.3Lonike
hiasa anao naho ty lay iaby iareo. feie, lonike iareo tsy hihariny reo raraha ao amy ty fitoera masy na
mifandrabe, te ho mate iareo naho iriha kea. 4Lonike hamonje anao iareo vaho hikarakara ty ajomba lay. Lonike
tsy hamonje eo marikanao reo mbahiny. 5Lonike iriha handrambe andraikitse hoi ahy ty fitoboha masy vaho ho
ahy ty alitara soa tsy hiavia ty siako eo amy reo anagn'Irsaely ndraike.6Ingo, Iraho avao ro fa nifily reo Levita
mpiara-miamba aminao bak'amy rei taragn'Israely. Fagnomeza ho anao iareo, fanomey Ahike soa hanao ty asa
mifandrae amy ty ajomba-lay fihaogna. 7Feie Iriha naho reo anagnao mety hanao ty fisorogna mikasike ty raraha
iaby mifandrabe amy ty alitara naho ty raraha iaby agnaty ty lamba. Nareo avao ro lonike hameno reo
andraikitse reo. homeiko anao ho fagnomeza ty fisorogna. Ze mbahiny mamonjivonjy le lomike ho vonoa."8Le zao
ty nata Yavhe tamy ndre Arona: "Ingo, fa nomieko anao aandraikitse fikarakara reo fagnatitse asondrotse Amiko,
naho reo fagnatitse masy ze omeiy ty anagn'Israely Ahike. Fa nomeiko anao naho reo anagnao ho anjaranao reo
fagnatitse reo. 9Reto ro vatagne raraha masy, voaaro amy ty afo: bak'amy reo fagnatitse iareo iaby__ty fagnatitse
ho tavae iaby, ty fagnatitse noho ty haratia iaby, vaho ty fagnatitse noho ty heloke iaby__vatagne masy ho anao
naho reo ho ahy reo anagnao reo.10Vatagne masy reo fagnatitse reo; lonike hitava zane ty lehilahy iaby, te masy
ho anao reo. 11Reto iaby ty fagnatitse ze ho anao: reo fagnomeza iareo, reo fagnatitse ahelahela ty anagn'Israely
iaby. Fe nomeiko anao iareo, reo anandahinao, naho reo anak'ampelanao, ho anjaranao. Ty iaby ze malio amy ty
fombafomba ao amy ty asaveregnanao le mahazo mitava amy reo fagntitse reo.12Ty soa loatse amy ty menake, ty
soa loatse amy ty divay vaovao naho vare, ty voaloam-bokatse ze omey ty ndaty ahike__reo raraha iaby le fa
nomeiko anao. 13Reo vokatse zane iaby zane matoe voalohane ze eo amy ty tane Iareo, le ze andesy iareo atoy
Amiko, le ho lasanao. Ze iaby malio ao amy ty asaveregnanao le mahazo mitava rey zaka rey.14Ty zaka iaby
voatoka ao Israely le ho lasanao iaby. 15Ty zaka iaby ze manokatse ty bevoka, ty voalohan-terake iaby ze omey ty
ndaty ahy Yaveh, ty ndaty naho ty biby miharo, le ho lasanao iaby. Na le zane kea, lonike ty ndaty hivily ty
anandahy voalohan-terake iaby ndraike, vaho lonike iareo hivily ndraike ty lahy voalohan-terake reo biby
maloto. 16Reo ze voavily ty ndaty ndraike le lonike himpoly hivily afara ty faha vola raike. Bak'eo le afake mivily
aiereo ndraike ty ndaty, amy ty viline sekely fitoera masy, ze mitovy amy ty zeraha roapolo.17Te ty voalohan-
terake ty ombe vavy na ty voalohan-terake ty ndty, na ty voalohan-terake ty ondre, na ty voalohan-terake ty
ose__lonike tsy hampolinareo ho vily reo biby reo; te voatoka ho Ahike rey. Lonike hamafy ty lio rey eo amy ty
alitara iriha vaho hagnoro ty sabora iareo ho fagnatitse natoa tamy ty afo, hagnitse sitra Yaveh. 18Ty hena iareo le
ho anao. Manahake ty tratra naho fe ankavana nasondrotse, le ho anao ty hena iareo.19Ty fagnatitse masy iaby ze
omey ty ndaty amy Yaveh, le fa nomeiko anao, naho reo anandahinao vaho reo anak'ampelanao miarake aminao,
ho zara mitohitohy. fagnekea maharitse zisikam-parane amy ty sira zane, fagnekea mamehy zisikam-parane, eo
agnatreha Yaveh ho anao naho reo taragnao miarake aminao." 20Zao ty nita Yaveh tamy ndre Arona: "Tsy hana
lova ao amy ty fanagna eo amy ty vahoake. Raho ro anjaranao naho lovanao eo amy ty vahoagn'Israely.21Ho ahy
ty tarana ndre Levy, ingo, fa nagnomey reo ampahafolon-kanagna iaby ao Israely ho lova iareo ho valy ty asa ze
omey iareo amy ty fiasa ao amy ty ajomba-lay fahaogna Raho. 22Manomboke zao le lonike ty vahoagn'Israely tsy
ho avy hariniky ty ajomba-lay fihaogna, te ho tompon'antoke amy zane faharatia zane iareo vaho ho mate.
23Lonike reo Levita hanoa ty asa mifandrify amy ty ajomba-lay fihaogna. Ho tompon'antoke amy ty faharatia
magnodidy zane iareo. Ho lalàgna maharitse magnera reo taranagne ty vahoagnao zane. Lonike tsy hanan-dova
eo amy reo anagn'Israely iareo. 24Satria ty ampahafolon-kanagna ty vahoagn'Israely, ze nagnomey iareo ho ty
fandrambesa anjara atoy Amiko__reo ro fa nomeiko ahy reo Levita ho lova iareo. Zane ro nitaliliako tamy iareo
tihoe: 'Lonike tsy hana lova eo amy reo angn'Israely iareo.'"25Yaveh nitsara tamy ndre Mosesy vaho nanao tihoe:
26"Lonike iriha hirehake amy reo Levita vaho hitalily amy iareo tihoe: 'Lafa mandrabe ty ampahafolo ze bak'amy
ty anagn'Israely ze fa nomeiko anao bak'amy iareo ho lovanao iriha, le haneho fandrambesa anjara bak'amy zane
ho ahy Yaveh, ampahafolone amy ty fahafolon-kanagna. 27Ty fandrambesanao anjara le lonike ho rambesanao
manahake ty tihoe ampahafolo ty voa bak'amy ty fikororoha na famikara bak'amy ty fananignam-boaloboke
zane.28Kea lonike avao kea iriha hano fandrambesa anjara amy Yaveh bak'amy ty ampahafolon-kanagna ze
rambesena bak'amy ty vahoagn'Israely. Te bak'amy iareo ro tsy maintse hagnomezanao ty anjarane ho ahy ndre
Arona mpisoro. 29Ankoatse ty fagnomeza iaby rambesenao, lonike hanao fandrambesa anjara amy Yaveh iriha.

Lonike hanao zane iriha bak'amy ty raraha soa naho masy loatse iaby ze fa nomey anao.'[30]Noho zane le lonike
iriha hitalily amy iareo tihoe: 'Lafa magnomey ty soa loatse amy zane nareo, le lonike handinike ho ahy reo
Levita ho amnahake vokatse bak'amy ty fikororoha naho fananignam-boaloboke zane. [31]Le lonike mahazo mitava
ty amby ty fagnomezanareo amy ty toera iaby nareo, nareo naho asaveregnanareo, satria zane ro karamanareo
ho solo ty asanareo tao amy ty ajomba-lay fiahodna. [32]Tsy ho meloke amy ze heloke tamy ty fitava naho finoma
zane nareo, laha tsy fa nampiseho tamy Yaveh ty soa loatse bak'amy ze fa nirambesinareo. Te lonike nareo tsy
handratirate reo fagnatitse masy ty vahoagn'Israely, laha tsy zane le ho mate nareo.'"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 19

[1]Nitsara tamy ndre Mosesy naho Arona Yaveh. Nanao tihoe Re: [2]"Zao ro lalàgna, lalàgna ze andiliako anareo:
Talilio ty vahoaka ty Israely te tokone handay aombevave kele mena tsy mana handra ao aminareo iareo, vaho ze
tsy mboe nasia joga.[3]Omeo ahy re Eleazara ty ombevave kele. Handay zane agne ambaliky ty kianja re, vaho hisy
ndaty hamono zane eo agnoloane. [4]Eliazara mpisoro le hangalake kele amy ty lio zane amy ty tagnane vaho
hamitsiky zane impito eo aloha ty ajomba-lay fihaogna. [5]Ty mpisoro hafa le hangnoro ty ombevavekele eo amy ty
fanjone. Hagnoro ty holine, ty nofone, vaho ty lione miarake amy ty taine reke. [6]Lonike ty mpisoro hangalake
hetae sedera, hysopa, naho volon'aombe mena, vaho hapipitsike zane eo ampignivoa iaze aombevavekele
mirehitse.[7]Bak'eo le tsy maintse manasa ty akanjone naho miandro amy ty rano reke. Vaho soa ho afake handeha
eo an-kianje, ze hitobohane maloto zisike-hariva ty andro reke. [8]Zay angnoro ty ombevave kele le hanasa ty
akanjone amy ty rano vaho hiandro amy ty rano. Hitoboke maloto zisike hahariva ty andro reke.[9]Ty ndaty ze
malio le hamory reo laveno ty aombevave kele vaho hapipoke zane eo amy ty toera malio ambaliky ty kianja. reo
lavenoke reo le hohajary ho ahy ty fiarahamonigne ty vahoagne ty Israely. Hampifangaro reo lavenoke amy ty
rano filiova amy ty fahratia iareo, satria ty lavenoke le bak'amy ty fagnatitse noho haratia. [10]Ze namory ty laveno
ty aombevave kele le hanasa ty akanjone. hitoetse maloto zisike-hahariva re. Zane le holasa lalàgna maharitse ho
ahy ty vahoagn'Israely vaho ho ahy reo mbahiny ze mitoetse miarake amy iareo.[11]Na ia na ia mikasike faty ty
ndaty le haloto agnate ty fito andro. [12]Zane nday zane le tsy maintse magnalio ty vatagne amy ty andro fahatelo
naho amy ty andro fahafito. Le halio re. Te laha tsy magnadio ty vatane amy ty andro fahatelo reke, le tsy halio
reke amy ty andro fahafito. [13]Na ia na ia mikasike faty ty ndaty, ty vata ty ndaty ze fa maty, vaho tsy magnalio ty
vatane___zane ndaty zane le mandoto ty tabernakely Yaveh. Zane ndaty zane le holany eo amy Israely satria tsy
napitsike tamine ty rano ho ahy ty fahalotoa. hitoboke malotp reke; ty fahalotoane lr hitoetse amine.[14]Zao ro
lalàgna laha misy ndaty maty ao an-day. Ze iaby mandeha ao amy ty lay naho ze iaby fa tao amy ty lay le haloto
agnate ty fito andro. [15]Ty fitobohan-jaka misokatse iaby tsy misy sarone le haloto. [16]Manahake zane kea, na ia na
ia agne ambaliky ty lay le mikasike ndaty ze maty ty meso, na faty ty ndaty hafa, na taola ty ndaty, na
valavato__zane ndaty zane le haloto agnate ty fito andro.[17]Ataovo ho ahy ty ndaty maloto zao: Mangalà lavenoke
bak'amy ty fagnatitse oroa noho ty fahatia vaho afangaro ao ampo vatavo miarake amy ty rano reo. [18]Ty ndaty ze
malio le hangalake hysopa, ampijoboke zane ao ampo rano, le hamitsike zane eo amy ty lay, eo amy ty fitoeran-
jaka iaby ao ampo y lay, amy reo ndaty ze eo, vaho amy ze iaby nikasike ty taola, ze voavono ze maty, na ty
valavato. [19]Amy ty andro fahatelo naho amy ty andro fahafito, ty ndaty malio le hamitsike zane amy ty ndaty
maloto. Amy ty andro fahafito ty ndaty maloto le hagnalio ty vatane. Hanasa ty akanjone naho hiandro amy ty
rano reke. Halio re amy ty hariva.[20]Te ze iaby mitoboke maloto, ze tsy magneke tsy hadio ty vatane__zane ndaty
zane le holany eo amy ty fiarahamonigne, noho ty fandotoane ty fitoera masy Yaveh. Tsy namitsike tamy ty rano
ho ahy ty fahalotoa; hitoetse maloto reke. [21]Ho lalàgna mitohy mikasike reo toe-jaka reo zane. Ze mamitsike ty
rano ty fahalotoa le hanasa ty akanjone. Ze mikasike ty rano ty fahalotoa le haloto zisike-hariva. [22]Na ino na ino
kasihy ty ndaty maloto le haloto zane.Ty ndaty ze mikasike zane le haloto zisike-hariva."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 20

[1]Vaho ty vahoagn'Israely, ty fiharoa iaby, le nandeha agne amy ty tane tsy misy raraha ty Zina tamy tyvola
voalohane; nijano tao Kadesy iareo. Tagne Miriama ro maty naho nalevy.[2]Tsy nisy rano ho ahy ty fikambana,
vaho niarake nivory hanohitse ahy ndre Mosesy naho Arona iareo. [3]Nitaray tamy ndre Mosesy ty vahoake. Nanao
tihoe iareo: "Soa vatagne laha maty manahake ty Israelita namanay maty teo agnatreha Yaveh zahay![4]Nanao
akore ro nandesinao soa ho maty atoy amy toy tane tsy misy raraha toy ty fiharoa Yaveh, le zahay naho ty biby
fiharenay? [5]Nanao akory iriha ro nampiakatse anay niboake bak'agne Egypta nanday anay amy ty toera raty toy?
Ingo tsy misy voa, aviavy, voaloboke, na apongadendagnitse eto, vaho tsy misy rano hinome."[6]Vaho niala teo
agnatreha ty fikambana ndre Mosesy naho Arona. Nizilike teo amy ty filira ty ajomba-lay fihaogna iareo vaho
niondrike. Vaho niseho tamy iareo tao ty famirapirata ty hasy Yaveh.[7]Nitsara tamy ndre Mosesy Yaveh vaho
nanao tihoe: [8]"Alao ty fitogno vaho avorio ty fikambana, iriha, naho Arona rahalahinao. Mirehafa amy ty vatobey
eo amaso iareo, vaho mandalia soa hiterake rano zane. Hamokatse rano ho aiereo bak'ao amy ty vatobey iriha,
vaho tsy maintse omeinao ty fikambana naho reo biby fiharine soa hinomine zane." [9]Nirambesa ndre Mosesy
bak;eo agnoloa Yaveh ty fitogno, arake ty namdilia Yaveh aze soa hatao.[10]Le namory ty vahoake teo agnoloa ty
vatombey re Mosesy naho Arona. Zao ty nata ndre Mosesy tamy iareo: "Amy henanezao mitsanogna, nareo
mpilietse. Nao tsy maintse hampimboake ranobak'amy toy vatombey toy ho anareo vao zahay?" [11]Le nampitsanga
ty tagnane re Mosesy vaho namofoke indroa ty vatombey tamy ty fitogno, le rano bey ro niboake. Nino ty
fikambana naho reo biby fiharine.[12]Vaho nanao tihoe Yaveh tamy ty Mosesy naho Arona: "Satria tsy natoky na
nagnomey hasy Ahike ho masy teo amaso ty vahoagn'Israely nareo, le tsy handay ty fiangona agne amy ty tane ze
fanomeoko aiereo nareo." [13]Toy toera toy le kinaike tihoe rano ndre Meriba satria ty vahoagn'Israely le nifamale
tamy Yaveh teo, vaho naneho ty vatagne tamy iareo ho masy Reke.[14]nagnirake mpanday hafatse bak'ao Kadesy ho
agne amy ty mpanjaka ndre Edoma re Mosesy: Zao ro talilign'Israely rahalahinao: "Hainao ty aly sarotse ze fa
nahazo anay. [15]Hainao te nizotso tagne Egypta reo razagnay vaho nitoboke tao Egypta agnate ty fotoa ela. nanday
anay tamy ty fasiake naho reo razagnay avao kea reo Egyptiana. [16]Lafa nikaike mafe ahy Yaveh zahay, le nandre
ty feonay Reke le nandefa anjely vaho nanday anay niboake bak'ao Egypta. Ingo, Atoy Kadesy zahay, Tanà raike
eto amy ty faritsy ty tanenao.[17]Mangatake aminao raho soa hampimpohanao anao handalo eo amy ty tanenao.
Tsy handalo amy ty baibo na tanem-boaloboke, na hino ty rano ao amy reo lava-dranonao zahay. Handeh egne
amy ty lalambey ty mpanjaka zahay. tsy hitsily hagnankavana na hagnankavia zahay zisikem-piavianay egne
amy ty sisin-tanenao."[18]Te ty mpanjaka ndre Edoma namale aze tihoe: "Tsy mahazo mandalo eto nareo. Laha
mandalo nareo, le ho avy miarake amy ty meso hanafike anaeo raho." [19]Vaho ty vahoagn'Israely nanao tihoe
tamine: "hamakivake ty lalam-bey zahay. Laha mino ty ranonao zahay na ty biby fiharenay, le havahanay zane.
Apoho avao zahay soa handeha tomboke, te tsy anao raraha hafa."[20]Te ty mpanjaka ndre Edoma namale tihoe:
"Tsy mahazo mandalo nareo." Le avy namofoke ahy Israely ty mpanjaka ndre Edoma niarake tamy ty tagna-
mahere reo miaramila maro bey. [21]Tsy nagneke ty hamela ty Israely hiampita teo amy ty sisitane iareo ty
mpanjaka ndre Edoma. Noho zane, le nivio tamy ty tane ndre Edoma ty Israely.[22]Kea niala tao Kadesy ty vahoake.
Ty Vahoagn'Israely, ty fikambana iaby, nandeha agne am-bohitse Hora. [23]Nirehake tamy ndre Mosesy naho Arona
tao am-bohitse Hora Yaveh, eo amy ty sisitane ndre Edoma. Nanao tihoe Re: [24]"Tsy maintse hampiarahy amy ty
vahoagne re Arona, te tsy hizilike amy ty tane ze fa nomeiko ty vahoagn'Israely reke. Zane le satria samy nilietse
nanohitse ty tsarako tao amy ty rano ndre Meriba nareo.[25]Alao re Arona naho Eleazara anandahine, vaho andeso
miakatse agne am-bohitse Hora iareo. [26]Afaho amy ndre Arona reo akanjo fisorogna le ampanaovo andre
Eleazara anagne. Tsy maintse ho mate Arona vaho hampiarahy amy ty vahoagne agne."[27]Nanao arake ze nandilia
ndre Yaveh re Mosesy. Niakatse tagne am-bohitse Hora teo amaso ty fikambana iaby iareo. [28]Nafaha ndre Mosesy
ty akanjo fisorogna ndre Arona vaho nampanaovine ahy ndre Eleazara anagne reo. maty teo ambone vohitse re
Arona. Vaho nizotso re Mosesy naho Eleazara. [29]Lafa hisa ty fiharoa iaby te maty re Arona, le nisao ahy ndre
Arona agnate ty telopolo andro ty firenena iaby.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 21

[1]Lafa heno iaze Kananita mpanjaka ndre Arada, ze nitoboke tao Negneva, te nandeha tagne amy ty lala
mandreha agne Atarima ty Israely, le nialy tamy Israely revaho nangalake ty sasane tamy iareo ho odevo.
[2]Nisareky tamy Yaveh ty Israely vaho nanao tihoe: "Laha omeinao fandresea amy reo vahoake reo zahay, le ho
potehinay vatagne ty tanà iareo." [3]Nitsano ty feo Israely Yaveh vaho nagnomey aiereo fandresea ahy reo
kanannita. Nopotehy iareo iaby iareonaho ty tanàne. Nikinaike tihoe Horma zane toera zane.[4]Niala bak'ao am-
bohitse Hora nandalo ty lala mandeha agne amy ty Riake Mena iareo soa handeha hagnodidy ty Tane ndre
Edoma. Niha-kamo iaby ty vahoake tegne an-dala. [5]Nirehake nanohitse ahy ty Andragnahare naho Mosesy ty
vahoake tihoe: "Nanao akore zahay ro nandesinao niakatse hiboake ahy Egypta soa ho maty atoy amy ty tane tsy
misy rahaha? Tsy misy mofo, tsy misy rano, vaho hejenay toy mahatanjake rate toy."[6]Bak'eo Yaveh nandefa
bibilava misy poizy teo amy ty vahhoake. Nitifitsy ty ndaty reo bibilava; maro ty ndaty maty. [7]Namonje ahy ndre
Mosesy ty vahoake vaho nanao tihoe: "Nanao rate zahay satria niresake nanohitse anao naho Yaveh. Mivavaha
amy Yaveh soa hangalane reo bibilava aminay," Kea le nivavake ho ahy ty vahoake re Mosesy.[8]Nanao tihoe Yaveh
tamy ndre Mosesy: "Magnamboara bibilava vaho afehezo amy ty hetae lava zane. Ze iaby voatifatse le ho velo,
laha mivamba zane re." [9]Kea namboatse bibilava saba Mosesy vaho nandrohy zane tamy ty hetae lava. Laha
mitifatse ndaty ty bibilava, laha nivamba iaze bibilava saba re, le velo.[10]Bak'eo nandeha ty vahoagn'Israely vaho
nagnianja tao Obota. [11]Nandeha bak'ao vaho nagnianja tagne Leabarima tagne amy ty tane tsy misy raraha ze
magnatrike ahy re Moaba tandrify ty atignana iareo.[12]Niala bak'ao iareo vaho nagnianja tagne amy ty
vavabaibon-driake Zareda. [13]Niala tao iareo vaho nagnianja tagne an-dafe ty Vavarano ndre Arnona, ze agne amy
ty tane tsy misy raraha ze mihitatse bak'agne amy ty fari-tane reo Amorita. Ty Vavarano ndre Arnona ro fari-tane
ndre Moaba, Ampagnivoa ty Moabita naho re Amorita.[14]Zane ro antone hiotalily ao amy ty horo taratasy ty Aly
Yaveh tihoe: "Vaheba agne Sofa, vaho reo vavabaibon-driake ndre Arnona, [15]ty hantsa reo vavabaibon-driake ze
mitarike mandeha agne amy ty tanà ndre Ara vaho mizotso mandeha agne amy ty fari-tane ndre Moaba."[16]Niala
tao iareo vaho nandeha agne Bera, ze misy iaze fantsaka ze nitsara ndre Yaveh tamy ndre Mosesy tihoe: "Avorio
miarake ty vahoake soa hagnomezako rano aireo."[17]Bak'eo niantsa toy antsa toy ty Israely: "Mitereha, ty fantsaka.
Ataovo agn'antsa zane. [18]Iaze fantsaka ze nihaly reo mpitaritika, iaze fantsaka ze nihaly reo manan-kaja ty
vahoake tamy ty fitognom-panjakana naho fitogno iareo." Bak'eo le niala tao amy ty tane tsy misy raraha iareo
vaho nandeha agne Matana.[19]Niala tao Matana iareo vaho nandeha agne Nahaliela, vaho avy ao Nahaliela
nandeha agne Bamota, [20]vaho bak'ao Bamota nandeha agne amy ty vavabaibon-driake ty tane Moaba. Eo ambony
ty Vohitse Pisga ro hahisaha ty tane tys misy raraha.[21]bak'eo Israely nandefa mpanday hafatse tane amy ndre
Sihona mpanjaka ndre Amorita nanao tihoe: [22]"Apoho zahay hamkivake eo amy ty tanenao. tsy hitsily agne amy
ty baibo iaby na ty tanem-boaloboke zahay. Tsy hino ty rano bak'eo amy ty fantsakanao zahay. Handeha eo amy
ty lala ty mpanjaka zahay zisike iampitanay ty fare-tanenao." [23]Te tsy napo ndre Sihona mpanjaka handalo ty
fare-tane iareo ty Israely. Te kea, namory ty tafine re Sihona mpanjaka vaho nanfike ahy ty Israely tagne amy ty
tane tsy misy raraha. Avy tagne Jahaza re, zer nialiane tamy ty Israely.[24]Nanafike ty tafike ndre Sihona tamy ty
lela meso ty Israely vaho nangalake ty tane iareo bak'eo Arnona le zisike agne amy ty vavarano Jakoba , zisike
agne amy tane ty vahoagne ndre Amona. [25]Nangalake reo tanà ty Amorita iaby ty Israely vaho nitoboke tao amy
iareo iaby, agnate zane Hesboba naho ty ana-bohine iaby. [26]Hesbone ro tanà ndre Sihona mpanjaka reo Amorita ,
ze nialy tamy ty mpanjaka ndre Moaba teo aloha. Nala ndre Sihona iaby ty tanene iaby zisike agne amy ty fare-
tanene le zisike agne amy ty Vavarano ndre Arnona.[27]Zane ro antone hitalilia reo ze miresake amy ty ohabola
tihoe: "Avia atoy Hesbone. Lonike iaze tanà ndre Sihona ho hatsanga ndraike vaho apoke ndarike. [28]Nisy afo
nagnoro bak'ao Hesbona, lelafo bak'ao an-tanà ndre Sihona ze nandrava ahy re Moaba, naho reo tompo reo toera
abo ndre Arnona.[29]Loza ho anao, ty Moaba! rava iriha, ty ndaty re Kemosy. nataone ho mpilay reo anandahine
vaho gadra ndre Sihona mpanjaka reo Amorita reo anak'ampelane. [30]Te resinay Sihona. Hesbona le rava
zisikagne amy ty lala iaby mandeha agne Dibona. Resinay iareo tegne amy ty lala iaby mandeha agne Nofa, ze
mahazo ahy ndre Medeba."[31]kea nanomboke nitoboke teo amy ty tanene reo Amorita ty Israely. [32]Bak'eo Mosesy
nandefa ndaty hivamba ahy ndre Jazera. Nala iareo ty ana-bohine vaho niroahy iareo ze Amorita tao.[33]Bak'eo
nitsily iareo niakatse ho agne amy ty lala mandeha agne Basana. Niboake nanohitse aireo re Oga mpanjaka ndre
Basana, reke naho ty tafine, soa hialy amy iareo agne Edrehy. [34]Bak'eo Yaveh nitalily tamy ndre Mosesy tihoe: "Ko
matahotse aze, satria nomeiko fandresea eo amine, ty tafine iaby, vaho ty taene iriha, Ataovo amine ze natao
tamy ndre Sihona mpanjaka ndre Amorita, ze mitoboke agne Hesbona." [35]Kea nivonono iareo reke, reo
anandahine, vaho ty Tafine iaby, zisike hahafaty ty ndatine iaby. Bak'eo le nala iareo ty tanene.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 22

[1]Nandeha zisike hitoboha iareo tao amy reo lema ndre Moaba angila ndre Jeriko, Tegne andafy ty Vavarano ndre
Jordana miala eo amy ty tanà ty vahoagn'Israely.[2]Nahisake ze iaby natao ty Israely tamy reo Amorita re Balaka
ana Zipora. [3]Natahotse mafy ty vahoake ty Israely re Moaba satria maro loatse iareo, le nihorohoro tamy ty
vahoake ty Israely re Moaba. [4]Nitsara tamy reo ndaty bey ty Midiana ty mpanjaka ty Moaba tihoe: "Hitava ty iaby
ze magnodidy antika manahake ty aombe mihinan-kata egne am-baibo reo maro reo." VAho re Balaka ana dre
Zipora ro mpanjaka ndre Moaba tamy zane fotoa zane."[5]Nandefa irake ho agne amy ndre Balama ana ndre Beora,
tao Petora ze agnila ty Vavarno ndre Eofrata, tao amy ty tane ty firenene naho vahoagne re. Nikaike aze reke le
nanao tihoe: "Ingo, misy firenena bak'agne Egypta avy eto. Mandrakoke ty tane iareo vaho agnilako zao. [6]Le
miavia ragnandria amihenanezao le ozogne ho ahike zane firenena zane, satria mahere loatse amiko iareo. Vasa
mba afake hanafike aiereo naho handroake aiereo amy ty tane raho. Haikote na ia na ia tahinao le ho voatahy,
vaho na ia na ia hozogninao, le ho voaozo."[7]le lasa reo ndaty beey ndre Moaba naho reo ndaty bey ndre Midiana,
nanday ty sara ty sikily. Avy teo amy ndre balama iareo le nirehake tamine reo rehasa ndre balaka. [8]Zao ty tana
ndre Balama tamy iareo: "Mitoboha eto amy zao halike. Hitalily aminareo ze talily YAveh amiko raho." Le
nitoboke tao amy ndre Balama io alike io reo mpitarike ndre Moaba.[9]Avy teo amy ndre Balama Andragnahare le
nanao tihoe: " Iareo lehilahy ze avy eto aminao reo?" [10]Namale ahy ty Andragnahare re Balama tihoe: " Balaka
ana ndre Zipora, mpanjaka ndre Moanba, ro nagnirake aiereo handeha atoy amiko. Nanao tihoe reo: [11]'Ingo, ty
vahoake ze avy bak'agne Egypta le mameno ty velara ty taneko. Amihenanezao avy vaho ozone iareo ho ahike.
Vasa hahavita hialy amy iareo naho handroake aiareo raho."[12]Namale ahy ndre Balama Andragnahare tihoe: "Tsy
handeha miarake amy reo lehilahy reo iriha. Tsy hagnozo ty vahoagne ty Israely iriha satria fa voatahy Iareo."
[13]Nitsanga re Balama ty maraindray le nitsara tamy reo mpitarike ndre Balaka tihoe: "Mimpoly agne amy ty
tanenareo satria tsy magneke ty hamela ahike hiarake aminareo Yaveh." [14]Le lasa reo mpitarike Ndre Moaba le
nimpoly tagne amy ndre Balaka. Nanao tihoe iareo: "Tsy nagneke tsy hiarake aminay re Balama."[15]Nagnirake
mpitarike maro ze bey hasy noho iaze fikambanane voalohane ndraike re Balaka. [16]Avy tagne amy ndre Balama
iareo le nanao tamine tihoe: "Zao ro talily Balaka ana ndre Zipora: 'Lonike ragnindria tsy hisy na ino na ino
hanaka anao tsy hiarake aminay, [17]satria handoa lavitse naho hagnomey hasy befoloay ho anao raho, vaho hanao
ze iaby talilinao ataoko. Kea mba miavia ragnandria le ozogne ho ahike zane vahoake zane.'"[18]Namale Balama le
nanao tamy reo lehilahy ndre Balaka tihoe: "Na le hagnomey ahike ty rovane feno volafoty naho volamena kea re
balaka, le tsy hihoatse ty tsara Yaveh, Andragnahareko, le andatsake na ampitombo ze taliliene amiko raho. [19]Kea
amy henanezao, mba mandignasa eto avao kea ragnindria androane halike,soa ahaizako ty raraha beybey ze
talily Yaveh amiko." [20]Avy tamy ndre Balama ty halike Andragnahare le nanao tihoe tamine: "Satria avy mba
hikaike anao reo lehilahy reo, le mitsangàna le miaraha amy iareo. Feie ze talilieko anao ho ataonao avao ro
ataovo."[21]Nifoha marindray re Balama, nagnisy lasely ty borikine, le nandeha niarake tamy reo mpitarike ndre
Moaba. [22]Feie satria nandeha reke, le nirehitsy ty helo ty Andragnahare. Nitoboke teo an-dala manahake ty
mpifahavalo amy Ndre Balama, ze niondra ty borikine ty anjely Yaveh. Niarake tamine avao kea ty mpiasa ndre
balama roe. [23]Nahisake ty anjely Yaveh nitsanga teo an-dala iaze boriky vaho nisy meso voatsoake tegne an-
tagnane. Niala tamy ty lalagna iaze borike le nandeha agne am-baibo. Namofoke ty borikine soa hampimpoly aze
amy ty lala ndre Balama.[24]Le nitsanga teo amy ty faritse efitse tamy ty lala agnelagnela ty tanemboaloboke maro
iaze anjele, vaho nisy fefe teo andanine vaho fefe raike hafa teo agnilane. [25]Nahisake ty anjely Yaveh ndraike iaze
borike. Nisisike ty rindry reke le nimpiritse ty tombo ndre Balama tamy zane. Nifofohy ndre Balama ndraikw
reke.[26][26]Nandeha avaoa iaze anjele Yaveh vaho nitsanga teo amy ty toera maifitse hafa ze tsy misy lala iviogna ty
andanine naho ty ankilane. [27]Nahisake ty anjely Yaveh iaze borike, le niravoke tamy ty tane tao ambany ndre
Balama. Nirehitse ty helo ndre Balama, le nifofohine tamy ty fitognone iaze borike.[28]Le nanokatse ty vava iaze
borike Yaveh soa hitsara reke. Nanao tihoe reke tamy ndre Balama: "Ino ro nataoko anao le nahaavy anao
hamofoke ahike intolo zay?" [29]Namale iaze borike re Balama tihoe: "Satria niadaladala tamiko iriha. Tokone mba
nisy meso tetoy an-tagnako. Te laha nisy, le fa matiko iriha amy henanezao." [30]Nanao tihoe iaze Borike tamy ndre
Balama: "Nao tsy iraho iaze borikinao ze niondrananao nandritsy ty fiaignanao iaby zisike amihenanezao vao?
Nao fa nanam-pahazara nanao raraha manahake zao taminao vao raho taloha?" Nanao tihoe: "Ohoo."[31]Le
nisokafy Yaveh ty maso ndre Balama, le nahisake ty anjely Yaveh nitsanga teo amy ty lala vaho misy meso
voatsoake tegne an-tagnane reke. Nampiondrike ty lohane le nandohalike re Balama. [32]Nanao tihoe tamine iaze
anjely Yaveh: " Nanao akore ro nifofohinao ty borikinao ze intelo zay iriha? Ingo, avy manahake ty mpifahavalo
aminao raho satria rate ty zaka nataonao reo agnoloako. [33]Nahisake ahike ty borike le niala ahike zay intelo zay.
Laha tsy niala ahike reke, le fa nivonoako vatagne iriha te hamelo aze raho."[34]Nanao tihoe re Balama tamy iaze

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

anjely Yaveh: "Nanao rate raho. Tsy haintso te nitsanga teo agnoloako teo an-dala iriha. Kea amy henanezao, laha
tsy mahafale anao zane le himpoly raho." 35 Feie nanao tioeh iaze anjely Yaveh tamy ndre Balama: "Mandena
miarake amy rei lehilahy. Feie reo tsara ze nitalilieko anao avao ro hotsarainao." Le niarake tamy reo mpitarike
Ndre Balaka re Balama. 36 Lafa heno ndre Balaka te bakao re Balama le niboake hanalaka aze tao an-tanà ndre
Moaba tao Arnona reke, ze tao amy ty faretane. 37 Nanao tihoe re Balaka tamy ndre Balama: "Nao tsy nagnirake
lehilahy soa hikaike anao vao raho? Nanao akore iriha ro tsy avy teto amiko? nao tsy afake magnomey hasy anao
vao raho?" 38 Le namale ahy ndre Balaka re Balama tihoe: "Ingo, fa avy eto aminao raho. Nao mana fahafa hitalily
raraha vao raho amy henanezao? Reo tsara ze napo YAveh ao am-bavako avao ro azoko talilie." 39 Niarake tamy
ndre Balaka re Balama, vaho avy tao Kiriata-hozota iareo. 40 Le nanao soro aombe naho aondre re Balaka le
nagnomey hena ho ahy ndre Balama naho reo mpitarike ze niarake tamine. 41 Ty maraindray, le nanday ahy ndre
Balama niakatse tagne amy ty toera abo ndre Bala re Balaka. Ty vaky reo Israelita tao an-kianja iareo avao ro
hisa ndre Balama bak'egne.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 23

[1]Nanao tihoe Balama tamy ndre Balaka: 'MAgnoregna alitara fito eto ho ahike vaho magnomàgna aombelahy fito
eto naho aondre fito." [2]Kea le nanao arake ze nangatahy ndre Balama re Balaka. Le nagnomey aomby raike naho
aondre raike teo amy reo alitara iaby re Balaka naho Balama. [3]Le nanao tihoe re Balama tamy ndre Balaka:
"Mitsangana eo agnila ty fagnatitse oroa le handeha raho. Mete ho avy hihaogne amiko vasa Yaveh. Na ino na ino
asehone ahike le ho talilieko aminao." Kea le lasa nandeha agne amy ty farane ambone ty havoa tsy nisy hetae
reke.[4]Lafa teo amy ty farane ambone ty havoa reke le nihaogne tamine Andragnahare, vaho nanao tihoe Balama
tamine: "Fa nagnory alitara fito raho, vaho fa nagnomey aombelahy raike naho aondre raike iaby teo amy ty
kiraikarike." [5]Napipoke hafatse teo am-bava ndre Balama Yaveh le nitsara tihoe: ;Mimpolia agna amy ndre Balaka
le mirehafa amine." [6]Kea le nimpoly tagne amy ndre Balaka re Balama, ze nitsanga teo agnila ty fagnititse
noroane, vaho ty mpitarike ahy ndre Moaba iaby le niarake tamine.[7]Le nanomboke nitalily ty fitokiane re Balama
le nitsara tihoe: Fa nanday ahike bak'agne amy ndre Arama, mpanjaka ndre MOaba bak'agne amy ty vohitse
atignana re Balaka: 'Avia, ozogno ho ahike Jakoba.' [8]Amy ty fomba manao akore ro hagnozognako reo ze tsy mboe
nozognin'Andragnahare? May ty fomba manao akore ro hanoherako reo ze tsy nitohire Yaveh?[9]Bak'eo ambone ty
vatombey ro ahisahako Aze. Ingo, misy vahoake ze mitoboke raike vaho tsy mihevetse ty vatane ho firenena
tsotra.[10]Ia ro afake magnise ty leboke re Jakoba na magnise na le ty ampahefa Israely? Lonike ho amty amy ty
fahafatesa ty ndaty-marene raho , vaho lonike ty fahatapera ty fiaiko hanahake ty aze!"[11]Nanao tihoe balaka tamy
ndre balama: "Ino toy nataonao tamiko? Nandesiko hagnozo ty fahavaloko iriha, feie ingo, nitahinao iareo."
[12]Namale re Balama le nitsara tihoe: "Tsy tikone hiamby ty hitalily ze apo Yaveh eo am-bavako avao vao
raho?"[13]Kea nanao tihoe Balaka tamine: "Mba miaraha amiko ho agne an-toern-kafa ze hazahoanao mahisake
aiereo. Ho hohisagnao ty marinike laotse amy reo, te tsy reke iaby. Agne ro hagnozognanao aiereo ho ahike."
[14]Kea le nandesine tao amy ty baibo ndre Zofima re Balama, teo ambone ty vohitse ndre Pisga, vaho nagnory
alitara fito hara reke. Nagnomey aombelahy raie naho raike teo amy ty alitara kiraikiraike reke. [15]Bak'eo le nanao
tihoe Balama tamy ndre Balaka; " Mitsangna eto agnila ty fagntitse oroa eto, laha mboe miahogne amy Yaveh
egne amoben egne raho.[16]Kea le nihaogne tamy ndre Balama Yaveh vaho napipoke hafatse teo am-bavane. Nanao
tihoe Reke: "Mimpolia agne amy ndre Balaka vaho halefaso amine ty hafatso." [17]Nimpoly tagne amine re Balama,
vaho ingo, nitsanga teo agnila ty fagnatitse oroane reke, vaho niarake tamine reo mpitarike ndre Moaba. Le
nanao tihoe Balaka tamine: " Ino ro nitalily Yaveh?" [18]Natomboke ndre Balama ty fitokiane. Nanao tihoe reke:
"Mitsangana, ty balaka, Mitsanogna, Mitsanagno ahike, Iriha ty ana Ndre Zipora.[19]Tsy ndaty Andragnahare Le
tihoe havande, na ndaty, le tihoe hiova hivetse. Fa nampagnantegna raraha le tsy nanao zane vao Reke? Fa
nitsara vao Reke te hanao raraha le tsy nivitaene zane? [20]Ingo, fa nililiane raho soa hitahy. Fa nagnomey fitahia
Andragnahare, vaho tsy afake hamalike zane raho.[21]Tsy nahisake aly sarotse tao amy ndre Jakoba na fijalea tao
amy Israely Reke, Miaro aiereo Yaveh Andragnahare iareo, vaho eo amy iareo ty koikoike ho ahy ty mpanjakane.
[22]Andragnahare ro nanday aiereo bak'agne Egypta tamy ty here manahake ty ahy ty aombely.[23]tsy misy osavy ze
mahazo amy nre Jakoba, vaho tsy misy zara-vinta hagnisy rate Israely. Te kea, lonike ho talilie ty amy ndre Jakoba
naho Israely tihoe: "Henteo ze natao ty Andragnahare!"[24]Ingo, mitsanga manahake ty liona vave ty ndaty,
manahake ty fiboaha ty liona le mamofoke. Tsy mandremandre re laha tsy fa nihina ty hazane vaho mino ty lio
ze nivoane."[25]Le nanao tihoe Balaka tamy ndre Balama: "Ko magnozo aiereo na mitahy aiereo zao." [26]Te namale
Balama le nitsara tamy ndre Balaka tihoe: " Tsy fa nitalily taminao vao raho te tsy maintsy mitalily ze iaby tea
Yaveh taliliko?" [27]Kea le namale ahy ndre Balama re Balaka tihoe: "Avia moa, handesiko agne amy ty toeran-kafa
iriha. Vasa mete hahafale ahy ty Andragnahare ty hagnozognanao aiereo ho ahike agne."[28]Kea nandesy ndre
Balaka tegne amy ty vohitse Peora farane abo, ze mahisake ty tane tsy misy raraha ndre Balama. [29]Nanao tihoe
balama tamy ndre Balaka: "Magnoregna alitaraa fito eto vaho magnomàna aombalahy fito naho aondre fito."
[30]Kea le nanao arake ze nitalilie ndre Balama re Balaka; Nagnomey aombelahy raike naho aondre teo amy ty
alitara kiraikiraike reke.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 24

[1]Vaho lafa nihisa ndre Balama te to Yaveh ty hitahia andr'Israely, le tsy nandeha nanao sikily, manahake ty tamy
ty andro taloha reke. Te kea nivamba nagnagny amy ty tane tsy misy na ino na ino.[2]Nampiandra ty fajone reke le
nahisake te nitoboke sake ty fokone iaby ty Israely, vaho le avy tao amy ty fagnahy Andragnahare. [3]Nahazo zao
nofy zao reke vahi nanao tihoe: " fa hitsara re Balama anadahy ndre Beora, iaze lehilahy ze bey maso.[4]Miresake
naho mahaheno ty tsara Andragnahare reke. Mahisake fahisaha bak'amy tsisy mitovy amine reke, ze eo
agnoloane ro hihofane amy ty masone magnete. [5]Hehike ty hasoa ty lainao, ry Jakoba, ty toera ze itoera, ry
Israely![6]Manahake ty vavabaibo ro fivelara reo manahake ty baibo egne sisy ty vavarano manahake ty vaho ze
nambole Yaveh, manahake ty sedera sisin-drano.[7]Mandeha bak'ao amy ty vatavo iareo ty rano, vaho reo voa
nitongisine le soa tondrake. Te mpanjaka iareo le ho ambone noho re Agaga, vaho ty fanjaka iareo le homey haja.
[8]Andragnahare ro manday aze miboake andr'Egypta, amy ty tanjake manahake ty aombemaly. hitely reo firenena
ze manohitse aiereo Reke. Hanorotoro ty taola iareo Reke. Hitifitse aiereo amy ty kiditsene Reke.[9]Mamitsake
manahake ty liona Reke, manahake ty lione vavy. Ia ro ho mahasake hanabataba Aze? Ze mitahy aze le voatahy;
ze magnozo aze le voaozo."[10]Nirehitse tamy ndre Balama ty helo ndre Balaka vaho nampikobo ty tagnane tamy ty
helokine reke. Nanao tihoe balaka tamy ndre Balama: " Mikaike anao mba hagnozo ty fahavaloko raho, te ingo, fa
intelo nitahy aiereo riha. [11]Kea engao raho amy henanezao le molia. Nitsara ty hagnomey valisoa bey anao raho,
Feie Yaveh fa nangalake anao tamy ty fahazoa valesoa."[12]Vaho nanao tihoe balama namamle andre Balaka: "
Natililieko tammy reo mpanday hafatse ze nalefanao tatoy amiko te: [13]' Na le nagnomey ty lapane feno volafoty
naho volamena ahike ka re Balaka, le tsy afake hihoatse ty tsara Yaveh naho ty zaka rate na soa, na ty zaka teake
hanoe raho. ze natililie Yaveh ahike avao ro azoko ambara.' Tsy nitalilieko tamy iareo va zane? [14]Kea ingo amy
henanezao, himpoly agne amy ty vahaokako raho. Feie mamelà ahike riha hampiambe anao ze hatao reo
vahoake reo amy ty vahoakanao amy ty andro ho ave."[15]Nanomboke zao fitokia zao re Balama. Nanao tihoe reke:
" Balama ana ndre Beora ro mitsara, iaze lahilahy ze mahisake. [16]Zao ro fitokia iaze ndaty ze mafe tsara bak'amy
Andragnahare, ze mana fahisaha bak'amy iaze tsy misy mitovy amine, zay eo agnoloane ro hihohofane amy ty
fahisaha.[17]Mahisake Aze raho, te tsy eto Reke zao. Magnete Aze raho, te tsy marikitse eto Reke. Hisy vasia hiboake
bak'amy ndre Jakoba, vaho fitognom-panjakana hiankatse bak'amy ndr'Israely. Hanorotoro ty mpitarike ndre
Moaba reke vaho hamotike ty foko ndre Seta iaby.[18]Vaho le ho lasa fanagna ndre Israely re Edoma, vaho Seira
avao kea le ho lasa fanagna iareo, reo fahavalo ndr'Israely, ze ho rese ndr' Israely amin-bodongero. [19]Bak'amy
ndre Jakoba ro hiavia ty mpanjaka ze hana ty fanapaha, vaho hamotike reo sisa tsy mate ao amy ty tanà iareo
reke."[20]Le nagnete andre Amaleka re Balama vaho nanomboke ty fitokiane. Nanao tihoe reke: " Amaleka le fa bey
loatse teo amy reo firenena taloha, Feie le ho fahapoteha ro ho fiafarane."[21]Bak'eo le nagnete tagne amy reo
Kenita re Balama vaho nanomboke ty fitokiane. Nanao tihoe reke: " Ty toera ze itobohanareo le mafe, vaho ty
tragnonareo le ao amy ty lakanto. [22]Na le zane ka anefa le ho potike re Kaina lafa manday anao ho ondevo re
Asyria."[23]Vaho nanomboke ty fitokiane farane re Balama. Nanao tihoe reke: " Loza! Ia ro ho velo lafa hanao zane
Andragnahare? [24]Hise sambo ho avy bak'agne amy ty sisy ndre Kitima; hanafike andre Asyria naho handrese
andre Ebera iareo, Feie, le ho fahapoteha avao kea ro hiafara iareo." [25]Bak'eo le niakatse re Balama vaho lasa.
Noly tagne agna-jombane reke, vaho lasa avao kea re Balaka.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 25

1Nitiboke tagne Sitima ty Israely, vaho nanomboke nandrato tamy reo ampela ndre Moaba reo lehilahy, 2te reo
Moabita nagnambara ty vahoake ho amy ty soro hoahy reo andragnahre iareo. Le nihina naho nihohoke tamy
reo andragnahre ty Moabita ty vahoake. 3Nagnampe tamy ty fanompoa andre Bala Peora reo lehilahy ndr'israely,
le nirehitse tamy ndr'Israely ty siagne Yaveh.4Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: " Vono iaby reo mpitarike ty
vahoake le ahantògno eo agnatrehako iareo mba hampisehoa aiereo amy ty andro, zane le mba hiala amy
ndr,Israely ty firehitsy ty siako." 5Kea le nanao tihoe Mosesy tamy reo mpitarike ty Israely: " Ty kiraikiraike
aminareo le tsy maintse hamono ty ndaty ze nagnampe tamy ty fanompoa andre Bala Peora."6Bak'eo le namonje
ty raike tamy reo lehilahy Israely le nanday ampela Miadianita rake tamy ty longone. Niseho teo amaso ndre
Mosesy naho ty fitambara ty vahoagn'Israely iaby zane, laha mbo nitagne teo amy ty filira ty tragno-lay fihaogna
iareo. 7Laha hisa ndre Finehasa anadahy ndre Eleazara anadahy ndre Arona mpisoro zane, le nitsanga bak'eo
amy ty fitambara reke vaho nandrabe lefo tegne an-tagnane.8Nagnarake reo lehilahy Israelita tao agnate tragno-
lay reke le nampitsatoke ty lefone tamy ty vatane iareo roe, na iaze lehilahy Israelita na iaze ampela. Kea le
nijano ty arete-mandane ze nalefan'Andragnahare tamy ty vahoagn'Israely. 9Niisa efatsa arivo naho roa aly reo
maty ty areti-mandane.10Nitsara tamy ndre Mosesy Yaveh le nanao tihoe: 11" Re Finehasa anandahy ndre Eleazara
anandahy ndre Arona mpisoro, fa nagnafake ty heloko tamy ty vahoagn'Israely satria rese tamy ty zotogn'arofoko
tamy iareo reke. Kea le tsy nitely ty vahoagn'Israely tamy siako Raho12Noho zane talilio tihoe; ' Yaveh mitsara
tihoe: " Ingo, Magnomey fagnekem-pilongoa andre Finehasa Raho. 13Ho aze naho ty taranane misolo aze, ho
fagnekeam-pisorogna tsy manam-pahatapera zane satria nana zotogn'arofo ho ahike, Andragnaharene reke. Fa
nagnavake hoahy ty vahoagn'Israely reke."'"14 Ty agnara iaze lehilahy Israelita ze nivonoa niarake tamy iaze
vehivavy Midianita le Zimry ana ndre Salo, mpitarike ty longo andraza tamy reo Simeonita. 15Ty agnara iaze
ampela Midianita ze nivonoa le Kosby ana ndre Zora, ze ndaty bey foko naho longo tagne Midiana16Le nitsara
tamy ndre Mosesy Yaveh vaho nanao tihoe: 17"Raiso manahake ty fahavalo ty Midianita le tafiho iareop, 18satria
iareo nandray anareo manahake ty fahavalo tamy ty fitak'iareo. Nitarike anareo tamy ty rate iareo ty mikasike
andre Peora naho ty mikasike andre Kosby anabavy iareo, iaze nivonoa tamy ty arete-mandane tamy ty raraha
ndre Peora."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 26

[1]Vaho tafara ty arete-mandane ze natalily Yaveh andre Mosesy naho Eleazara ana ndre Arona mpisoro. Nanao
tihoe Reke: [2]"Isaho ty fitambara ty vahoagn'Israely iaby, manomboke amy ty roapolo tao miakatse, arake ty longo
ty razambey, reo iaby ze afake andeha hialy hoahy ty Israely."[3]Vaho Mosesy naho Eleazara mpisoro nitalily tamy
iareo tao amy ty tane lemake ndre Moaba teo amy sisy ndre Jordane tao Jeriko nanao tihoe: [4]"Isaho ty vahoake'
manomboke amy ty roapolo tao no miakatse, arake ty nandilia Yaveh andre Mosesy naho ty vahoagn'Israely, ze
niboake ty tane Egypta.[5]Robena ro taolagnolo lehilahy Israely. Baka amy ndre anoka anane ty foko ty Hanokita.
Baka amy ndre Palo ty foko ty paloita. [6]Baka amy ty Hezrona ty foko ty Karmita. [7]Reo ro foko ty taranagne ndre
Rebonita, ze miisake 43.730 lahy.[8]Ana ndre Palo re Eliaba. [9]Vaho ty ana ndre Eliaba le Nemoela naho Datana vaho
Abirama. Reo avao iaze Datana naho Abirama ze nagnarake andre Kora lafa nanohitse andre Mosesy naho Arona
nilietse ahy Yavaeh[10]Nanokatse ty vavane ty tane vaho nitele aiereo niarake tasmy ndre Kora lafa maty iaby ty
mpagnarake aze. Tamy zane fotoa zane, ty afo nandrava ty 250 lahy, ze lasa famantara fampitandrema. [11]Feie tsy
lane iaby ty taranagne ndre Kora.[12]Ty foko ty taranagne ndre Simeona le itoagn'iaby: baka amy ty Nemoela, ty
foko ty Nemoelita, bak'amy ndre Jamina, ty foko ty Jaminita, bak'amy ndre Jakina, ty foko ty Jakinita, [13]bak'amy
ndre Zera, ty foko ty Zerita, bak'amy ndre saoly, ty foko ty saolita. [14]Reo ro foko ty taranagne ndre Simeonita, ze
miisake 22.200 lahy.[15]Ty foko ty taranagne ndre Gada le itoagn'iaby: bak'amy ndre Zefona, ty foko ty Zefonita,
bak'ame ndre Hagy, ty foko ty Hagita,baka amy ndre Sony, ty foko ty Sonita, [16]bak'amy ndre Ozny, ty foko ty
Oznita, bak'amy ndre Era, ty foko ty Erita,[17]bak'amy ndre Aroda, ty foko ty Arodita, bak'amy ndre Arely, ty foko
ndre Arelita. [18]Reo ro foko ty taranagne ndre Gada, ze miisake 40. 500 lahy.[19]Era naho Onana ro ana ndre Joda, feie
maty tao amy ty tane Kanana reo lehilahy reo. [20]Ty foko ty taranagne ndre Joda hafa le reto iaby; bak'amy nde
Sela, ty foko ty Selita, bak'amy ndre Fareza, ty foko Farezita, bak'amy ndre Zera ty foko ty zerita. [21]Ty taranagne
ndre Fareza le reto iaby: bak'amy ndre Hezrona, ty foko ty Hezronita, bak'amy ndre Hamola ty foko ty Hamolita.
[22]Reo ro foko ty taranagne ndre Joda, ze miisake 76. 500 lahy.[23]Ty foko ty taranagn'Isakara le reto iaby: bak'amy
ndre Tola, ty foko ty Tolita, bak'amy ndre Pova, ty foko ty Povita, [24] bak'amy ndre Jasoba, ty foko ty Jasobita,
bak'amy ndre simrona, ty foko ty Simronita. [25]Reo ro foko ty taranagn'Isakara, ze miisake 64.300 lahy.[26] Ty foko ty
taranagne ndre Zebolona le reto iaby: Baka'amy ndre Sereda, ty foko ty Seredita, bak'amy ndre Elona, ty foko ty
Elonita, bak'amy ndre Jahalela, ty foko ty Jahalelita. [27]Reo ro foko ty Zebolonita, ze miisake 60.500 lahy.[28]Ty foko ty
taranagne ndre Josefa le re Manase naho Efraima. [29]Reo taranagne ndre Manase le reto iaby: Bak'amy ndre
Makira, ty foko ty Makirita ( Makira ro baba ndre Gileada, bak'amy ndre Gileada, ty foko ty Geleadita.[30]Ty
taranagne ndre Gileada le reto iaby: bak'amy ndre Jezera, ty foko ty Jezerita, bak'amy ndre Heleka, ty foko ty
Helekita, [31]bak'amy ndre asriela, ty foko ty Asrielita, bak'amy ndre Sekema, ty foko ty sekemita, [32]bak'amy ndre
Semida, ty foko ty semidita, bak'amy ndre hefera, ty foko ty Heferita.[33]Vaho Zelofada ana ndre Hefera le tsy nana
anandahy, te anak'ampela avao. Ty agnara ty anak'ampelane le Mahala naho Noa naho Hogla naho Milka vaho
Tirza. [34]Reo ro foko ndre Manase, ze miisake 52.700[35]Ty foko ty taranagne ndre Efraima le reto iaby: bak'amy ndre
Sotela, ty foko ty sotelita, bak'amy ndre Bekera, ty foko ty Bekerita, bak'amy ndre Tahana, ty foko ty tahanita. [36]Ty
taranagne ndre Sotela, le bak'amy ndre Erana, ty foko ty Eranita. [37]Reo ro foko ty taranagne ndre Efraima, ze
miisake 32. 500. Reo ro foko ty taranagne ndre Josefa, isahy ao amy ty taranane kiraikiraike.[38]Ty foko ty taranagne
ndre Benjamina le reto iaby; bak'amy ndre bela, ty foko ty belita, bak'amy ndre Asibela, ty foko ty asibelita,
bak'amy ndre Ahirama, ty foko ty Ahimarita, [39]bak'amy ndre Sefofama, ty foko ty Sefofama, bak'amy ndre
Hofama, ty foko ty Hofamita. [40]Ty anandahy ndre Bela le re Arda naho Namana. Bak'amy ndre Arda nahazoa ty
foko ty Ardita, bak'amy ndre Namana nahazoa ty foko ty namanita. [41]Reo ro foko ty taranagne Benjamina.
Miisake 45.600 lahy iareo[42]Ty foko ty taranagne ndre Dana le, bak'amy ndre Sohama, ty foko ty Sohamita. Reo ro
foko ty taranagne ndre Dana. [43]Ty foko ndre Sohamita iaby le miisake 64.400 lahy.[44] Ty foko ty taranagne ndre
asera le roto iaby: bak'amy ndre Jimma, ty fko ty jiminita, bak'amy ndre Jisvy, ty foko ty Jisvita, bak'amy ndre
Bena, ty foko ty Berita. [45]Ty taranagne ndre Bena le reto iaby: bak'amy ty Hebera, ty foko ty heberita, bak'amy
ndre Malkiela, ty foko ty Malkielita. [46]Ty agnara ty anak'ampela ndre Asera le Asera. [47]Reo ro foko ty taranagne
ndre Asera, ze miisake 53.400 lahy.[48]Ty foko ty taranagne ndre Naftaly le reto iaby: bak'amy ndre Jaziela, ty foko
ty Jazielita, bak'amy ndre Gony, ty foko ty Gonita, [49]bak'amy ndre Jezera, ty foko ty Jezerita, bak'amy ndre Silema,
ty foko ty silemita. [50]Reo ro foko ty taranagne ndre Naftaly, ze miisake 45. 400 lahy.[51]Reo ro foko ty lehilahy teo
amy ty vahoagn'Israely le 601.730.[52]Yaveh nitsara tamy ndre Mosesy la nanao tihoe; [53]"Ty tane le tsy maintse zara
eo amy reo lehilahy manahake ty lova raike arake ty isake ty agnarane iaby.[54]Ty amy ty foko bey le tsy maintse
ameinao lova lahiale, vaho ty amy ty foko kelekele le tsy maintse omeanao lova kele. ty amy ty longo iaby le tsy
maintsy omeanao lova arake ty isa ty lehilahy zay voaiisake. [55]Na zane ka , ty tane le tsy maintse sarahy amy ty


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

filoka kindraindraike. mandova ty tane iareo laha ho zara eo amy ty foko ty razambeine zane. [56]Ty lovane le tsy
maintse mizara eo amy ty foko bey naho kele, nizara aiereo tamy ty filoka kindraindraike."[57]Ty foko ndre Levita,
Isafe isam-poko, Le reto iaby: Bak'amy ndre Gersona, ty foko ty Gersonita, Bak'amy ndre Kehata, ty foko ty
Kehatita, bak'amy ndre Merary, ty foko ty Mérarita. [58]Ty foko ndre Levy le reto iaby: ty foko ty Libnita, ty foko ty
Hebronita, ty foko ty Mahalita, ty foko ty Mosita, ty foko ty Koralta. Vaho Kehata ro razambey ndre Amrama. [59]Ty
agnara ty vale ndre amrama le re Jokebeda, taranagne ndre Levy, ze niterake reo anane tamy ndre Amrama reke,
le re Arona naho Mosesy vaho Miriama rahavavine.[60]Arona nisamake andre Nadaba naho Abiho, Eleazara vaho
Itamara. [61]Maty re Nadaba naho Abiho rehefa nagnomey afo tsy azo eke teo agnoloa Yaveh iareo. [62]Ty lahy ze
nisafe teo amy iareo le miisake telo arivo sy roa aly, le ty lahy iaby manomboke vola raike naho miakatse. Te tsy
voaisake teo amy ty taranagn'Israely iareo satria tsy nisy lova nomea aiereo teo amy ty vahoagn'Israely.[63]Reo ro
zaka ze voaisake ndre Mosesy naho Eleazara mpisoro. Nagnisake ty vahoagn'Israely tao amy ty lemake ndre
Moaba teo sisy ndre Jordana tao Jeriko iareo [64]Feie teo amy zane le tsy nisy ndaty bak'amy ze voaisake ndre
Mosesy naho Arona mpisoro nagnisake ty taranagn'Israely tao amy tane tsy misy ino na ino ndre Sinay.[65]Satria
Yaveh te nitalily te ho mate agne amy ty tane tsy misy na ino na ino vatane reo ndaty iaby reo. Tsy nisy ndaty sisa
tavela teo amy iareo, laha-tsy Kaleba ana ndre Jefona naho Josoa ana ndre Nona.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 27

[1]Le avy tamy ndre Mosesy ty anak'ampela ndre Zelofada anandahy ndre Hefera anandahy ndre Gileada
anandahy ndre Makira anandahy ndre Manase anandahy ndre josefa. Reto iaby ty agnara reo anak'ampelane:
Mahala, Noa, Hogla, Milka, naho Tirza.[2]Nitsanga teo agnatreha ndre Mosesy, Eleazara mpisoro, ty mpitarike, vaho
teo agnoloa ty fiaraha- monie iaby teo amy ty filira ao amy ty tragno-lay fihaogna iareo. Nanano tihoe iareo: [3]"
Maty tagne amy ty tane tsy misy ino na ino ty babanay. Tsy agn'isa reo ze niray dinike tao amy ty antoko ndre
Kora hanohitse ahy Yaveh reke Maty ty hadisoane avao reke, vaho tsy nanagn'anandahy.[4]Nanao akore ty agnara
ty babanay ro nafaha tamy ty fikambana ty fianakaviambeine satria tsy nanagn'anandahy reke? Omeo tane eo
amy ty longo ty babanay zahay." [5]Le nandesy ndre Mosesy teo agnoloa ndre Yaveh ty raraha iareo.[6]Nitsara tamy
ndre Mosesy Yaveh le nanao tihoe: [7]" To ty tsara ty anak'ampela ndre Zelofada. Lonike hagnomey tane ho aiereo
vatane riha bak'amy ty lova reo longo ty babane, vaho lonike ho azonao antoke te ty lova ty baba iareo le tafita
amy iareo vatane. [8]Lonike hitsara amy ty vahoagn'Israely riha le talilio tihoe; 'Laha misy ndaty mate le tsy
managn'anandahy, le lonike hafalonao amy ty anak'ampelane ty lovane.[9]Laha tsy managn'anak'ampela reke, le
homeanao reo rahalahine ty lovane. [10]Laha tsy mana rahalahe reke, le homeanao reo rahalahe ty babane ty
lovane. [11]Laha tsy mana rahalahy ty babane, le homeanao ty longone marine eo amy ty fianakavianbey ty lovane,
vaho hangalake zane ho aze reke. Ho lalàgna mafe haore amy ty lily ho ahy ty vahoagn'Israely zane, arake ze fa
nandilia Yaveh ahike.'"[12]Nanao tihoe Yaveh tamy ndre Mosesy: " Miakara egne am-bohitse Abarima vaho henteo
ty tane ze nomeiko ty vahoake ty Israely. [13]Afara ty fahisahanao zane, riha, avao kea, le hotaone agne amy ty
vahoakanao, manahake andre Arona rahalahinao. [14]Hiseho zane satria nareo roe le nilietse hanohitse ty liliko
tane amy ty tane tsy misy na ino na ino ndre Sina. Agne, lafa mirotsake amy ty vatobey ty rano, amy ty helonao ro
tsy nahavitanao nagnomey hase Ahike ho mase teo amaso ty fikambana iaby." Reo ro rano ndre Meriba ndre
Kadesy agne amy ty tane tsy misy na ino na ino ndre Sina.[15]Le nirehake tamy Yaveh re Mosesy vaho nitsara tihoe:
[16]" Lonike riha, ry Yaveh, Andragnahare ty fagnahy ty Ondaty iaby, hanendre ndaty eo amy ty fikambana, [17]ndaty
ze hiboake naho hilitse eo amy iareo vaho hitarike aiereo naho handay aiereo, mba tsy hanahake ty aondre tsy
misy mpiabe ty fikambananao."[18]Yaveh nitsara tamy ndre Mosesy tihoe: "Alao Josoa ana ndre Nona, lehilahy ze
hitoera ty fagnahiko,apoho eo amine ty tagnanao. [19]Apoho eo agnoloa ndre Eleazara mpisoro naho eo agnoloa ty
maso iareo mba hitariha aiereo.[20]Lonike riha hametrake ty fahefanao ilane amine, mba heke ty fiarahamone ty
Israely iaby aze. [21]Handehaa eo aloha ndre Eleazara mpisoro mba hipay ty lahatso ho aze amy ty fanapahan-keve
ndre Orima reke. Ho amy ty liline ro handehana ty ndaty miboake naho militse, le reke naho ty vahoake ty
Israely iaby miarake amine, ty fikambana iaby."[22]Le natao ndre Mosesy ze nandilia Yaveh hanoene. Nalaene re
Josoa vaho natobone eo agnoloa ndre Eleazara mpisoro naho ty fiaraha-monigne iaby reke. [23]Nametrake ty
tagnane tamine reke vaho nandily aze mba hitarike, arake ze fa nandilia Yaveh ho ataone.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 28

1Niresake tamy ndre Mosesy re Yaveh vaho nanao tihoe: 2"Bekoy ty vahoagn'Israely vaho talilio iareo tihoe: 'Tsy
maintse magnomey soro ho Ahike riha amy ty fotoa voarendre, le ty sakafo fagnatitso natao tamy ty afo mba
hamokara hagnitse tea ho Ahike.'3Tsy maintse talilienao avao kea iareo tihoe: "Zao ro fagnatitse natao tamy ty afo
ze tsy maintse ameanao hoahy Yaveh_anak'aondrelahy herentao tsy misy handra, roe isan'andro, ho fagnatitse
oroa mahazatse. 4Anak'aondre raike ro tsy maintse omeanao amy ty maraindray, vaho ty anak'aondre hafa raike
le tsy maintse omeanao amy ty hariva. 5Tsy maintse magnomey koba soa lisa ampahafolo ty efaha, mifangaro
menake voaharo raike ampahefa ty hina ho fagnatitse hotavae riha.6Zane ro fagnatitse oroa maharitse ze nililia
tao am-bohitse Sinay mba hamokatse ankata soasoa fagnatitse raike natao tamy ty afo hoahy Yaveh. 7Ty
fagnatitse inome miarake amy zane le tsy maintse raike ampahefatsy ty hina ty ahy ty anak'aondre raike. Tsy
maintse ailinao eo amy ty toera masy ty fagnatitse inomy ty zaka-finome mahere hoahy Yaveh. 8Iaze anak'aondre
hafa le tsy maintse hameanao miarake amy ty fagnatitse hotava hafa amy ty hariva manahake iaze nomey tamy
ty maraindray. Tsy maintse magnomey fagnatitse inome miarake amy zane avao kea riha, fagnatitse natao tamy
ty afo, mba hamokatse hagnitse tea hoahy Yaveh.9Amy ty andro Sabata le tsy maintse magnomey anak'aondre
lahy roe riha, sambe herentao tsy misy handra, naho koba soa lisa roe ampahafolo ty efaha ho fagnatitse hohane,
mifangaro menake, naho fagnatitse inome miarake amy zane. 10Zane le ho ahy ty fagnatitse oroa saky ty Sabata,
ho fagnampe ty fagnatitse oroa mahazatse naho ty fagnatitse oroa miarake amy zane11sake ty fanomboha ty vola,
le tsy maintse magnomey fagnatitse dora hoahy Yaveh riha. 12Tsy maintse magnomey vanton'aombelahy herentao
tsy misy handra. Tsy maintse magnomey koba soa lisa telo ampahafolo ty efaha ho fagnatitse hohane mifangaro
menake ho ahy ty aondrelahy raike avao kea riha. 13Tsy maintse magnomey koba soa lisa mifangaro menake
ampahafolo ty efaha ho fagnatitse hohane saky ty anak'ondre avao kea riha. Zane ro ho fagnatitse oroa, mba
hampiboake hagnitse soasoa, fagnatitse natao tamy ty afo hoahy Yaveh.14Tsy maintse antsasake ty hinan-divay
hoahy ty ombe raike ty fagnatitse inome ty vahoake, ampahatelo ty hina ty ahy ty ondrelahy raike, vaho rake
ampahefa ty hina ty ahy ty anak'ondre raike. Le zane ro fagnatitse dora saky sam-bola agnate reo vola ty tao.
15Ondrelahy raike ho fagnatitse noho ty fahadisoa hoahy Yaveh ro tsy maintse omea. Zane le ho fagnampe ty
fagnatitse oroa mahazatse naho fagnatitse oroa mahazatse naho ty fagnatitse inome miarake amy zane.16Agnate
ty vola voalohane, amy ty fahefatsa ambe ty folo ty vola, ro avy ty Pasgn'Yaveh. 17Amy ty andro fahadime amby ty
folo zane vola zane ro hanaova ty fete. Agnate ty fito andro, tsy maintse mofo tsy misy masirasira ro hohane.
18Amy ty andro voalohane, le tsy maintse hisy fiangona masy hagnomeza hase ahy Yaveh. Lonike tsy hanao ty asa
mahazatse riha amy zane andro zane.19Te kea, tsy maintse magnomey fagnatitse atao amy ty afo riha, le
fagnatitse oroa hoahy Yaveh. Tsy maintse magnomey vanton'ombelahy roe, ondrelahy raike, vaho ank'ondre
herentao fito, tsy misy handra riha. 20Miarake amy ty ondre, le tsy maintse magnoey fagnatitse hohane koba soa
lisa mifangaro menake telo ampahafolo ty efaha riha, vaho miarake amy ty ondrelahy, roe ampahafolone. 21Saky
ty raike amy reo anak'ondre fito, le tsy maintse magnomey koba soa lisa ampahafolo ty efaha riha, 22naho oselahy
raike ho fagnatitse noho ty fahadisoa mba hanaova fagnavota aho ahy ty vatanareo.23 Tsy maintse homeinao ho
fagnampe ty fagnatitse oroa mahazatse take isa-maray reo. 24Arake ty voafaritse eto, tsy maintse omeanao saky
san'andro reo soro reo, agnate ty fito andro ty Paska, le fagnatitse hohane natao tamy ty afo, hagnitse tea hoahy
Yaveh. Tsy maintse omey zane ho fagnampy ty fagnatitse oroa mahazatse naho fagnatitse inome miarake amy
zane. 25Amy ty andro fahafito le tsy maintse miarake amy ty fiangona mase mba hagnomey hase ahy Yaveh riha,
vaho lonike tsy hanao raraha mahazatse riha amy zane andro zane26Amy ty andro ty voaloham-bokatsa avoa
kea,lafa magnatitse fagnatitse hohane vaovao hoahy Yaveh amy ty Heregnandro ty Fifalefalea riha, le tsy maintse
miarake amy ty fiangona mase mba hagnomey hase ahy Yaveh riha,vaho tsy mahazo manao ty asa mahazatse
riha amy zane andro zane. 27Tsy maintse magnomey fagnatitse soasoa hoahy Yaveh riha. Tsy maintse magnomey
vantan'ombelahy roe, ondrelahy raike, vaho anak'ombelahy herentao fito riha. 28Magnomeza avao kea fagnatitse
hohane miarake amy reo: le koba soa lisa mifangaro menake, koba soa lisa mifangaro menake telo ampahafolo ty
efaha hoahy ty ombelahy kiraikiraike vaho roe ampahafolone ho ahy ty ondrelahy raike.29Magnomeza koba soa
lisa mifangaro menake ho ahy ty anak'ondre fito kiraikiraike iaby, 30naho oselahy raike mba hanaova fagnavota
ho ahy ty vatanareo. 31Lafa magnomey reo biby tsy handra reo riha, miarake amy reo fagnatitse inomene, zane le
fagnampe ty fagnatitse mahazatse naho fagnatitse oroa miarake amy zane."

## Chapter 29

1 "Amy ty andro fahafito, amy ty andro voaloha ty vola, le tsy maintse hanao fivoria mase hankalza ahy Yaveh
nareo. Tsy hanao ty zaka mahazatse nareo amy zane andro zane. Ho andro fitiofa reo trompetra ho anareo zane.
2 Tsy maintse magnomey fagnatitse oroa hahaavy hagnitse soasoa ho ahy Yaveh nareo. Tsy maintse magnomey
vanton'aombe raike, ondrelahy raike, vaho anak'aondre lahy herentao fito, sambe tsy misy handra nareo. 3 Tsy
maintse magnomey miarake amy reo ty fagnatitse hohane, koba soa lisa mifangaro menake, telo ampahafolo ty
efaha hoahy ty ombelahy, roe ampahafolone ho ahy ty ondrelahy, 4 vaho ampahafolone hoahy ty anak'ondre
kiraikiraike amy reo anak'ondre fito nareo. 5 Tsy maintse magnomey oselahy raike ho fagnatitse noho ty fahadisoa
ho fagnavota anareo nareo. 6 Ataovo reto fagnatitse reto amy ty vola fahafito ho fagnampe ty fagnatitse iaby ze
hataonareo saky voaloham-bola: ty fagnatitse oroa voatoka naho ty fagnatitse hohane ro hiarake amy zane. Reo
le ho fagnampe ty fagnatitse oroa mahazatse, ty fagnatitse hohane mikasike reo , vaho ty fagnatitse ahily zane.
Lafa manao zane fagnatitse zane nareo, le hagnina ze voalily mba hahaavy hagnitse soasoa, fagnatitse natao
tamy ty afo hoahy Yaveh. 7 Amy ty andro fahafolo ty vola fahafito le tsy maintse hisy fivoria masy hankalaza ahy
Yaveh. tsy maintse hagnambane ty vatanareo nareo vaho tsy hiasa. 8 Tsy maintse magnomey fagnatitse oroa mba
hahaavy hagnitse soasoa ho ahy Yaveh nareo. tsy maintse magnomey vantan'aombe lahy raike,ondrelahy raike,
vaho anak'ondre herentao nareo. lonike ho sambe tsy misy handra reo. 9 Tsy maintse homeinareo miarake amy
reo ty fagnatitse hohane, koba soa lisa miharo menake, telo ampahafolo ty efaha ho ahy ty ombelahy, roe
ampahafolone ho ahy ty ondrelahy, 10 vaho ampahafolo ty efaha ho ahy ty kiraikiraike amy reo anak'ondre fito. 11
Tsy maintse magnomey oselahy raike ho fagnatitse noho ty fahadisoa nareo. ho fagnampy ty fagnatitse noho ty
fahadisoa ho fagnavota, ty fagnatitse oroa mahazatse, ty fagnatitse hohane mikasike reo, vaho ty fagntitse inome
amy zane. 12 Amy ty andro fahadimy amby ty folo ty vola fahafito le tsy maintse hisy fivoria masy hankalza ahy
Yaveh. Tsy mahazo manao raraha mahazatse nareo amy zane andro zane, vaho tsy maintse miambe ty fito andro.
13 Tsy maintse magnomey fagnatitse oroa nareo, soro natao tamy ty afo hahaavy hagnitse soasoa ho ahy Yaveh.
Tsy maintse magnomey vanton'ombelahy folo telo ambe, ondrelahy roe, vaho anak'ondre lahy herentao folo
efats'amby. Lonike ho sambe tsy misy handra reo. 14 Tsy maintse omeinareo miarake amy reo fagnatitse hohane,
koba soa lisa mifangaro menake,telo ampahafolo ty efaha ho ahy ty ombelahy kiraikiraike amy reo ombelahy
folo telo ambe, roe ampahafolone ho ahy ty ondrelahy kiraikiraike amy reo ondrelahy roe, 15 vaho ampahafolo ty
efaha ho ahy ty kiraikiraike amy reo anak'ondre folo efats' ambe, 16 Tsy maintse magnomey oselahy raike ho
fagnatitse noho ty fahadisoa ho fagnampe ty fagnatitse oroa mahazatse, ty fagnatitse hohane mikisake reo, vaho
ty fagnatitse inome amy zane nareo. 17 Amy ty andro faharoe ty fivoria, le tsy maintse magnomey vanton'ombelahy
folo roa ambe, ondrelahy roe, vahoanak;ondre lahy folo efats'ambe herentao, samy tsy misy handra nareo. 18 Tsy
maintse ampirahinareo amy reo ty fagnatitse hohane, ty fagnatitse inome ho ahy reo ombelahy, ho ahy reo
ondrelahy, naho ho ahy reo anak'ondre, manaova fagnititse maro arake ze voalily. 19 Tsy maintse magnomey
oselahy raike ho fagnatitse noho ty fahadisoa ho fagnampe ty fagnatitse oroa mahazatse, ty fagnatitse hohane
mikasike reo, vaho reo fagnatitse inome amy zane nareo. 20 Amy ty andro fahatelo ty fivoria, le tsy maintse
magnomey ombelahy folo raik'ambe, ondrelahy roe, vaho anak'ombe lahy herentao folo efats'ambe, sambe tsy
misy handra nareo. 21 Tsy maintse hampiarahinareo amy reo ty fagnatitse hohane naho ty fagnnatitse inome ho
ahy reo ombelahy, ho ahy reo ondrelahy, vaho ho ahy reo anak'ondre, manaova fagnatitse maro arake ze voalily.
22 Tsy maintse nagnomey oselahy raike ho fagnatitse oroa mahazatse, ty fagnatitse hohane mikasike zane, vaho
reo fagnatitse inome amy zane nareo. 23 Amy ty andro fahaefatse ty fivoria, le tsy maintse hagnomey ombelahy
folo, omdrelahy roe, vaho anak'ondre lahy herentao folo efats'amby, sambe tsy misy handra nareo. 24 Tsy maintse
hampiarahinareo amy reo ty fagnatitse hohane, ty fagnatitse inome ho ahy reo ombelahy, ho ahy reo ondrelahy,
naho ho ahy reo anak'ondre, manaova fagnatitse maro arake ze voalily. 25 Tsy maintse magnomey oselahy raike ho
fagnampe ty fagnatitse oroa mahazatse, ty fagnatitse hohane mikasika reo, vaho reo fagnatitse ailine nareo. 26
Amy ty andro fahadimy ty fivoria, le tsy maintse magnomey ombelahy sivy, ondrelahy roe, vaho ty anak'ondre
lahy herentao folo efats'amby, sambe tsy misy handra nareo. 27 Tsy maintse ampiarahinareo amy reo ty fagnatitse
hohane, ty fagnatitse inome ho ahy reo ombelahy, ho ahy reo ondrelahy, naho ho ahy reo anak'ondre, magnanova
fagnatitse maro arake ze voalily. 28 Tsy maintse magnomey oselahy raike ho fagnatitse noho ty fahadisoa ho
fagnampy ty fagnatitse oroa mahazatse, fagnatitse hohane mikasike reo, vaho reo fagnatitse inome amy zane
nareo. 29 Amy ty andro fahaene ty fivoria le tsy maintse magnomey ombelahy valo, ondrelahy roe, vaho
anak'ondre lahy herentao folo efats'amby, sambe tsy misy handra nareo. 30 Tsy maintse hampiarahinareo amy reo
fagnatitse hohane, ty fagnatitse inome ho ahy reo ombelahy, ho ahy reo ondrelahy, naho hi ahy reo anak'ondre,
magnanova fagnatitse maro arake ze vaolily. 31 Tsy maintse magnomey oselahy raike ho fagnatitse noho ty


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

fahadisoa ho fagnampy ty fagnatitse oroa mahazatse, tty fagnatitse hohane mikasike reo, vaho reo fagnatitse
inome amy zane nareo.[32]amy ty andro fahafito ty fivoria, le tsy maintse magnomey ombelahy fito, ondrelahy roe,
vaho anak'ondre lahy herentao folo efats'ambe, sambe tsy misy handra nareo. [33]Tsy maintse ampiarahinareo amy
reo ty fagnatitse hohane, fagnatitse inome ho ahy reo ombelahy, ho ahy reo ondrelahy, naho ho ahy reo
anak'ondre, magnanova fagnatitse maro arake ze voalily. [34]Tsy maintse magnomey oselahy raike ho fagnatitse
noho ty fahadisoa ho fagnampy ty fagnatitse oroa mahazatse, ty fagnatitse hohane mikasike reo, vaho reo
fagnatitse inome amy zane nareo.[35]Amy ty andro fahavalo le tsy maintse hanao fivoria magetriketrike hafa nareo.
Tsy mahazo manao ty asa mahazatse nareo amy zane andro zane. [36]Tsy maintse magnomey fagnatitse oroa
nareo, fagntitse natao tamy ty afo mba hahaavy hagnitse soasoa ho ahy Yaveh. tsy maintse magnomey ombelahy
raike, ondrelahy raike, vaho anak'ondre lahy herentao fito, sambe tsy misy handra nareo.[37]Tsy maintse
magnomey reo fagnatitse hohane iareo naho fagnatitse inome ho ahy ty ombelahy, ho ahy ty ondrelahy, vaho ho
ahy ty anak'ondre, manaova fagnatitse maro arake ze voalily nareo. [38]tsy maintse magnomey oselahy raike ho
fagnatitse noho ty fahadisoa ho fagnampy ty fagnatitse ooa mahazatse, ty fagnatitse hohane mikasike aiereo,
vaho reo fagnatitse inome amy zane nareo.[39]Reo ro tsy maintse haterenao ho ahy Yaveh amy reo fifalefalea ze fa
voafaritse. Ho fagnampy reo sareke naho fagnatitse an-tsitraponao zane. Tsy maintse magnomey zane ho
fagnatitse aily, naho fagnati-pilongoa nareo."[40]Nitalily ndre Mosesy tamy ty vahoagn'Israely ty zaka iaby ze
nandilia Yaveh aze hotalily.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 30

[1]Nitsara tamy reo mpitarike ty foko ty vahoagn'Israely re Mosesy. Nanao tihoe reke: "Zao ro nandilia Yaveh. [2]Laha
misy misareke amy Yaveh, na manao fanta hamehy ty vatane amy ty fampagnantena, lo lonike reke tsy hivalike
amy ty resane. Lonike reke hitanjake ty fampagnantenane hanao ze iaby naboaky ty vavane.[3]laha misy
ampelatovo mitoboke ao agn'anjomba ty babane le manao sareke amy Yaveh vaho mandrohy ty vatane amy ty
fampagnantena, [4]Laha maharey ty sareke ty babane le mifanta amy ze nandrohizane ty vatane, vaho tsy mitsara
na ino na ino reke mba hampivalike aze, le hanan-kere avao ty sarekene. Ty fampagnantena iaby ze
nandrohizane ty vatane le hanan-kere .[5]Te laha mahanjanje mikasike ty sarekine naho ty fampagnantenane ty
babane, vaho laha tsy mitsara na ino na ino amine, le ty sareke iaby ze nataone tamy ty vatane le hanan-kere.
[6]Nefa, laha mahanjanje ty voadine iaby ze nataone naho ty fampagnantena mangetriketrike nataone ze
nandrohizane ty vatane ty babane, vaho laha manapake aze reke amy io andro io avao, le tsy hijano hanan-kere
reo. Hamela aze Yaveh satria nanapake aze ty babane. [7]Laha manambale lehilahy raike reke le mboe voafehy reo
sareke, na manao fampagnatena malisalisa ze hanerene ty vatane, le hanan-kere reo fanerea reo.[8]Te laha
manaka aze amy ty andro ahenoane mikasike zane ty babane, le handrava ty sareke ze nataone reke, le iaze tsara
malisalisa natao ty sognine ze namehezane ty vatane. Hanafake aze Yaveh.[9]Te ty amy ty vantotse na ty ampela
nisaram-bale, ze rehetra namehezane ty vatane le hana-kere amine manombok'eo. [10]Laha misy ampela nanao
sareke tao an-tragno ty valinena na nanere ty vatane tamy ty fanaova fifanta, [11]vaho heno ty valine zane, feie tsy
miresake na ino na ino amine reke vaho tsy manohitse aze, le lonike hijano hanan-kere ty firenerea nataone.[12]Te
kaha arava ty vline reo amy ty andro ze naharezane mikasike zane, ze iaby naboaky ty sognine mikasike reo
sareke na fampagnantena le tsy hanan-kere. Fa narava ty valine zane. Hanafake aze Yaveh.[13] Ty sareke iaby ze
atao ty ampela raike le mamehy aze handà ty vatane le mete hamafisy na ho arava ty valine. [14]Te laha tsy mitsara
na ino na ino amine saky san'andro reke, le magnamafe ty sarekine iaby reke vaho mamehy ty fampagnantena ze
nataone. Nihamafisine reo satria tsy nitalily na ino na ino tamine reke tamy ty fotoa ninjanjignane mikasike reo.
[15]Laha mipay ty haharava ty sareky ty valine fotoa ela tafara ty nahenoane mikasike zane ty lehilahy, le reke ro
ho tompon'antoke amy ty fahadisoane." [16]Reo ro lalàna nandilia Yaveh mba hatalily ndre Mosesy_lalàna hoahy ze
eo amy ty lehilahy naho ty valine vaho eo amy ty babane ty anak'ampelane lafa ao agnaty ty fahatanorane ao an-
tragno longon-draene reke.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 31

[1]Nitsara tamy ndre Mosesy Yaveh vaho nanao tihoe: [2]"Manova valifate amy reo Midianita noho ty natao iareo
tamy reo Israelita. Lafa vita zane, le ho mate riha voho havory eo amy ndatinao."[3]Kea niresake tamy reo vahoake
re Mosesy. Nanao tihoe reke: "Ravaho fialia ho amy ty aly ty sasane amy reo ndatinareo mba handehana iareo
hanohitse ahy reo Midiana naho hagnatanterake valefate Yaveh amy zane. [4]Ty foko iaby magnera ahy Ysraely le
tsy maintse mandefa miaramila ho agne agn'aly." [5]Kea tamy reo ndaty agn'arivorivogn'Israely, le bak'agne amy ty
foko iaby ho ahy ty aly ty agn'arivone, roe arivo naho ray ale ro fiharoane.[6]Bak'eo nalefa ndre Mosesy agn'aly
iareo, arivo bak'amy ty foko iaby niarake tamy ndre Finehasa anandahy ndre Eleazara mpisoro, naho niarake
tamy ty fanake sasane bak'ao amy ty fitoera masy vaho trompotra egne an-tagnane mba hitiofa ty fanaira. [7]Nialy
tamy ty Midiana iareo, arake ty nandilia Yaveh andre Mosesy. Nivonoa iareo ty ndaty iaby. [8]Nivonoane reo
mpanjaka ndre Midiana niarake tamy ty sisa ty mate iareo: Evy, Rekema, Zora, Hora, vaho Reba, reo mpanjaka
dimy ndre Midiana. Nivonoa iareo mesobey avao kea Balama anandahy ndre Beora.[9]Nala ty miaramila Israely ho
odevo reo ampela ndre Midiana, ty anagn'iareo, ty biby fihare ie iaby, reo ondre amy ty ose iareo, vaho ty
fanagna reke iaby. Nala iareo ho odevo iaby reo. [10]Noroa iareo ty tanàne iaby ze nitoboha iareo vaho reo tobine
iaby.[11]Nalay iareo iaby reo ondove naho gadra, na ndaty na biby. [12]Nandesy iareo tagne amy ndre Mosesy,
Eleazara mpisoro, vaho tagne any ty longombey ty ndaty Israely reo gadra, ty ondevo, vaho reo zaka azo.
Nandesy iareo tagne amy ty tobe tagne amy reo tane maike ndre Moaba, amy sisy ndre Jordana agnila Jeriko reo.
[13]

[14]te mosesy le meloke tamy reo manam-pahefa ty maramila, reo mpifehy ty arivo naho reo kapiteny ty zato, ze
avy bak'agne agn'aly. [15]Nanao Mosesy tamy iareo tihoe; " Naponareo ho velo va ty ampela iaby?[16]Ingo, natao reo
ampela reo nanao rate tamy Yaveh ty amy ndre peora tamy ty alala ty torohevitse ndre Balama ty ndaty Ysraely,
lafa niparitake teo amy ty fiangona Yaveh ty arete-mandoza. [17]Amy henanizao vaho,vono ty aja lehilahy eo amy ty
malinike iaby, vaho vono ty ampela iaby ze fa nahasake lahy.[18]Te andeso ho anareo ty ampela iaby ze tsy mbo
nahasake lahy na indraike. [19]Tsy maintse mitoboke ambalike ty tobe ndr'Israely agnate ty fito andro nareo. Nareo
iaby ze namono ndaty na nikasike ndaty maty-tsy maintse madio ty vatanareo nareo amy ty andro fahatelo naho
amy ty andro fahafito-nareo naho reo gadranareo. [20]Tsy maintse madio ty akanjonareo iaby naho ty zaka iaby
vita amy ty holitse ty biby naho volo ty ose, vaho ty zaka aiby vita amy ty hazo nareo."[21]Eleazara mpisoro le
nitalile tamy reo maramila ze nandeha tagne agn'aly tihoe: "Toy le lalàgna voalily ze nomey Yaveh andre Mosesy:
[22]Ty volamena, volafote, saba, vy, vifoty, naho firake, [23]vaho ty zaka iaby ze tsy laitse ty afo, le tsy maintse
ataonareo agnate afo, le halio zane. Bak'eo tsy maintse liovinareo amy ty rano fagnadiova reo raraha reo. Na ino
na ino tsy afake mandrio amy ty afo le tsy maintse liovinareo amy zane rano zane. [24]Amy ty andro fahafito le tsy
maintse sasanareo ty fisikinareo, vaho bak'eo nareo halio. Afara zane le ho avy ao amy ty toby Israely
nareo."[25]Bak'eo Yaveh niresake tamy ndre Mosesy vaho nitsara tihoe: [26]" Isafo reo ondevo iaby ze azo, na ndaty na
biby. Riha, Eleazara mpisoro, vaho reo mpitarike ty fianakaviambey reo foko ty razambeinao [27]le tsy maintse
mizara reo ondevo ho fizara roe. Zarao eo amy reo maramila ze nandeha agn'aly naho reo amby ty
fianakaviambey iaby zane.[28]Bak'eo mitakia haba bak'amy reo maramila ze nandeha agn'aly mba homey Ahike.
Zane haba zane le tsy maintse raike sakin-dimanjato, na ndaty, biby fihare, soavale, ondre, na ose. [29]Alao amy ty
antsasake reo zane haba zane vaho omeo andre Eleazara mpisoro zane mba ho fagnatitse homey ahike.[30]Vaho
bak'amy ty antsasake ty Israely avao kea, le tsy maintse mangalake raike sakin-dimam-poloriha-bak'amy reo
ndaty, biby fihare, soavale, ondre, vaho ose. Omeo an'reo Levita ze mikarakara ty tabernakeliko reo." [31]Kea le
natao ndre Mosesy naho Eleazara mpisoro arake ty nandilia Yaveh.[32]Vaho ty ondevo ze sisa tamy reo azo reo
maramila le ondry 675. 000, [33]Omby fito aly sy roa arivo, [34]soavale enin'aly sy arivo, [35]vaho ampela telo ely sy roa
arivo ze mbo tsy mahasake lahy na indraike.[36]Ty antsasane ze nitanjahy reo maramila le ondry miisake 337. 000.
[37]Ty anjara Yaveh le ondry 675. [38]Reo omby le telo aly sy enin'arivo vaho fito-polo roa amby ro haba Yaveh.[39]30.
500 ty isaky reo doavaly vaho enim-polo raik'amby ty anjara Yaveh. [40]Ray aly sy enin'arivo reo ndaty le telo-polo
roa amby ro haba Yaveh. [41]Nala ndre Mosesy ty haba ze tokone ho fagnatitse omea hoa ahy Yaveh. Nomeine
andre Eleazara mpisoro zane, arake ty nandilia ndre Mosesy.[42]Laha ty amy reo antsasake ty ndaty Israely ze nalà
ndre Mosesy bak'amy reo maramila ze nandeha tagne agn'aly-[43]le ondry 337. 500, [44]omby telo aly sy ennin'arivo,
[45]soavaly 30. 500, [46]vaho ampela ray aly sy enin'arivo ro ahy ty antsasaky ty fianakaviambey.[47]Bak'amy reo
antsasaky ty ndaty Israely, le nangalake raike sakem-polo re Mosesy, na ndaty na biby. Nomey ahy reo Levita ze
nikarakara rava ty tabernakely ndre Yaveh reo, arake ty nandalia Yaveh aze mba hatao.[48]Bak'eo reo manam-
pahefa ty tafike, reo mpifehy ty arivo naho reo kapitene ty zato, avy tagne amy ndre Mosesy. [49]Nanao tihoe iareo
tamine: " Nisahy reo mpiasanao reo maramila ze ambane ty fifehezanay, vaho tsy misy na raike ka tsy ao.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

[50]Nandesinay ty fagnatitse Yaveh, ze hisa ty ndaty kiraikiraike, fanake volamena, fehin-tagna naho haba, peratse
fitombohan-kase, kiviro, vaho ravake, mba hanaova fagnavota ho anay eo agnoloa Yaveh." [51]Mosesy naho
Eleazara le nandray ty volamena naho reo fanake ty asa tagna iaby bak'amy iareo.[52]Reo volamena iaby tamy ty
fagnatitse ze namey iareo ahy Yaveh-reo fagnatitse bak'amy reo mpifehy ty arivo naho bak'amy reo mpifehy zato-
le milanja sekely 16.750. [53]Ty maramila kiraikiraike le sambe nangalake ondevo, ndaty kiraikiraike ho ahy ty
vatane. [54]Mosesy naho Eleazara mpisoro le nangalake volamena bak'amy reo mpifehy ty arivo naho reo kapiteny
ty zato. Nandesy iareo tao amy ty tagno-lay fihaogna zane ho fahatiarova ty ndaty Israely ho ahy Yaveh.

Chapter 32

[1]Vaho reo taranagne ndre Robena naho Gada le nana biby fihare lahiahy. Lafa hisa iareo ty tane ndre Jazera naho
Gileada le toera mahafinaritse ho ahy reo biby fihare iaze tane. [2]Le avy niresake tamy ndre Mosesy, tamy ndre
Eleazara mpisoro, vaho tamy reo mpitarike ty fikambana reo taranagne ndre Gada naho Robena. Nanao tihoe
reke: [3]"Toy ty lisitsy reo toera ze fa nagnontanintanianay: Atarota, Dibona, Jazera, Nimra, Hesbona, Elale, Sebama,
Nebo, vaho Beona.[4]Reo iaby reo tane ze nitafihy Yaveh teo agnoloa ty fikambana Israely, vaho toera soa ho ahyreo
biby fihare reo. Zahay, mpiasanao, le mana biby fihare lahiale." [5]Nanao tihoe iareo: "Laha mahisake eo amasonao
zahay, le lonike mba homeine anay, mpiasanao, mba ho fanagna toy tane toy. Ka atao mitsake amy ndre Jordane
zahay."[6]Namaly an'reo taranagne ndre Gada naho Robena re Mosesy tihoe: " Tokone Handeha hialy va reo
rahalhinareo laha nareo kea magnorim-tanà etoa? [7]Nanao akore ro hakivia tsy handeha agne amy ty tane ze
nomey Yaveh aiereo ty arofo reo vahoagn'Israely?[8]Reo razambeinareo le nanao manahake zane zaka zane lafa
nampandehaniko bak'agne Kadesi-barnea mba hitilike ty tane iareo. [9]Niakatse tagne amy ty vavabaibo ndre
Eskola iareo. Nahisake ty tane iareo vaho bak'eo nagnakivy ty arofo iareo vahoagn'Israely soa tsy hagnina iareo
tsy hilitse ao amy ty tane ze nomey Yaveh aiereo[10]Nirehitse ty helo Yaveh tamy io andro io. Nisareke Reke vaho
nanao tihoe: [11]'Azo antoke te tsy hisy amy reo ndaty ze niakatse bak'agne Egypta, manomboke amy ty roapolo tao
no miakatse, hahisake ty tane ze nifantako tamy ndre Abrahama, tamy Isaka, vaho tamy ndre Jakoba, Satria tsy
nagnarake Ahike vatane iareo,ankoa-tsy [12]Kaleba anandahy ndre Jefone Kenizita, vaho Josoa anandahy ndre
Nona. Kaleba naho Josoa avao ro vatane nagnarake Ahike vatane[13]Le nirehitse tamy Ysraely ty helo Yaveh.
Nataone nirere nagnodidy ty tane tsy misy na ino na ino tagnate ty efapolo tao le hatramy ty naha-rava reo
taranake iaby ze nanao rate teo am-panjone iareo. [14]Ingo, nisondrotse teo amy ty toera ty razambeinareo nareo,
manahake ty ndaty mpanao rate maro, soa hagnampe ty fireheta ty helo Yaveh amy ndr'Israely. [15]Laha mivio amy
ty fagnaraha Aze nareo, le hamela andr'Israely agne amy ty tane tsy misy na ino na ino ndraike Reke vaho
handrava ty vahoakine iaby nareo."[16]Koa namonjy teo agnila ndre Mosesy iareo vaho nitsara tihoe: "Apoho zahay
hagnore vala ho ahy reo biby fiharenay naho tanà ho ahy reo haseveregnanay etoa. [17]Na zane ka, zahay le ho
vonone vaho hitanjake fialia soa handeha miarake amy ty maramila Israely zisike ampitoboanay aiereo amy ty
toera iereo. Te reo aseveregnanay kea le hitoboke agne amy reo tanà voaara mafe noho reo vahoake hafa ze mbo
mitoboke amy toy tane toy.[18]Tsy himpoly agne amy ty fitobohanay zahay zisike hazoa ty kiraikiraike amy ty
vahoagn'Israely ty lovane iaby. [19]Tsy handova ty tane miarake amy iareo agne an-dafe ndre Jordana zahay, satria
ty lovanay le etoa amy ty ilane atsignana."[20]Le namale aiereo re Mosesy tihoe: " Laha manao ze talilinareo nareo,
laha manoma ty vatanareo handeha eo agnatreha Yaveh mba hialy nareo, [21]vaho ty kiraikiraike amy reo
lehilahinareo mitanjake fialia le tsy maintse mitsake andre Jordane eo agnatreha Yaveh, zisike androahane reo
fahavalone tsy ho eo agnatrehane [22]vaho ty tane le rese eo agnatrehane. Lafa afake zane le afake mimpoly nareo.
Ho tsy manan-tsikone magnoloa andr'Israely nareo. Toy tane toy le ho fanagnanareo eo agnatreha Yaveh.[23]Te laha
tsy manao zane nareo, ingo, hanao rate amy Yaveh nareo. Haizo soa te hahisake anareo ty helognareo.
[24]Magnoregna tanà ho ahy reo ondrinareo; bak'eo le ataovo ze nitalilienareo." [25]Niresake tamy ndre Mosesy reo
taranagne ndre Gada naho robena vaho nitsara tihoe:" hanao arake ze nandilianao ty mpiasanao, ry tomponay.
[26]Reo anake malinikay, reo valinay, reo ondry amy ty osinay, vaho reo biby fiharenay iaby le hitoetse ao amy reo
tanà ndre Gileada. [27]Na zane ka, zahay mpiasanao, le hitsake eo agnatreha ndre Yaveh soa hiale, ty lehilahy iaby
ze mitanjake fialia ho amy ty aly, arake ze nitalilienao, ry tomponay."[28]Kea nagnomea torohevitse mikasike aiereo
tamy ndre Eleazara mpisoro, tamy ndre Josoa anandahy ndre Nona, vaho tamy reo mpitarike reo foko ty
razambey tao amy reo foko ty ndaty Israely re Mosesy. [29]Nanao tihoe re Mosesy tamy iareo: "Laha mitsake andre
Jordana miarake aminareo reo taranagne ndre Gada naho Robena, ty lehilahy iaby ze mitanjake ty fialia soa hialy
eo agnatreha Yaveh, vaho laha rese eo agnatrehanareo ty tane, le homeanareo aiereo ho fanagna ty tane ndre
Gileada. [30]Te laha tsy mitsake eo aminareo mitanjake ty fialia iareo, le agne amy ty tane ndre Kanana iareo ro
hahazo ty fanagna iareo eo aminareo."[31]Kea namale reo taranagne ndre Gada naho Robena tihoe: "Arake ze
nitalily Yaveh taminay, mpiasanao, le zao ro ataonay. [32]Hitsake mitanjake ty fialia eo agnatreha Yaveh agne amy ty
tane re Kanana zahay, te ty lova anjaranay le hijano aminay amy toy lafy Jordana toy."[33]Kea nomea ndre Mosesy
an'reo taranagne ndre Gada naho Robena, vaho kea ahy ty antsasake ty foko ndre Manase ana ndre Josefa ty
fanjaka ndre Sihona, mpanjaka reo Amorita, naho Oga, mpanjaka ndre Basana. Nomeane aiereo ty tane, vaho
nizaraine tamy iareo ty tanà zane iaby miarake amy reo faritanine, le reo tanà ty tane magnodidy reo[34]Reo
taranagne ndre Gada le nampimpole nagnore andre Dibona, Atarota, aroera, [35]Atrota-sofana, Jazera, Jogbeha,
[36]Beti-nimra, vaho Beti-harana mba ho tanà voaaro mafe miarake amy reo vala ho ahy ty ondry.[37]Reo taranagne
ndre robena le nampimpole nagnore andre Hesbona, Elale, Kiriataima, [38]Nebo, Bala-meona, Sibma- niova ty


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

agnara reo tatoy afara. Nomea iareo agnara hafa reo tanà ze nampoly iareo naore. [39]reo taranagne ndre Makira
anandahy ndre Manase le nagnagny Gileada vaho nagnafake zane tamy reo Amorita ze tao amy zane.[40]Bak'eo le
nomea ndre Mosesy andre Makira anandahy ndre Manase re Gileada, vaho nagnoren-tragno teo ty vahoakine.
[41]Nandeha re Jaira anandahy ndre Manase vaho nagnandevo reo rova zane le nikaike aiereo tihoe: Havota-jaira.
[42]Nandeha re Noba le nagnondevo andre Kinata naho reo ana-bohine, vaho nikinaikine tihoe: Noba, arake ty
agnarane avao zane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 33

[1]Reto iaby reo toera nandena ty vahoagn'Israely tafara ty nagnenga iereo ty tane Egypta tamy ty fikambana
mitanjake fialia iereo teo ambane fitariha ndre Mosesy naho Arona. [2]Nanoratse reo toera niala iereo hatramy ze
nandehana iareo re Mosesy, arake ty nandilia Yaveh. Reto iaby reo lia iareo, ty toera nifindrafindra iereo.[3]Niala
bak'ao Ramesesa iereo agnate ty vola voalohane, tamy ty andro faha folo dimy amby ty vola voalohane. Ty
maraindray ty Paska, le nandeha malalake ty vahoagn'Israely, teo amaso ty Egyptiana iaby. [4]Niseho zane laha
mbo nandrava ty taolagnolo lehilahy ie iaby, reo ze nivonoa Yaveh teo amy reo ty Egyptiana, te reke avao kea le
nampaday fandilova ty andragnahare iereo.[5]Niala tao ramesesa ty vahoagn'Israely vaho nagniaja tao Sokota.
[6]Niala tao Sokota iareo vaho nagniaja tao Etama, tegne amy sisy ty tane tsy misy na ino na ino. [7]Niala tao Etama
iareo vaho nimpoly tao Pi Hahirota, ze andafy ndre Balazefona, ze minandrife amy ndre Migdola nagniaja iareo.
[8]Bak'eo niala bak'egne andafy re Pi Hahirota iareo vaho nandrio tegne agnivon-dranomasy ho agne amy ty tane
tsy misy na ino na ino. Nandeha agnate ty telo andro tagne amy ty tane tsy misy na ino na ino ndre Etama iareo
vaho nagniaja tao Mara. [9]Niala tao Mara iareo vaho avy tao Elima. Tao Elima le nisy vavarano folo roa amby vaho
hetae rofia fitopolo. Tagne ro nagniaja iareo. [10]Niala tao Elima iareo vaho nagniaja tegne agnila ty Ranomasy
Mena.[11]Niala bak'ao amy ty Ranomasy Mena iareo vaho nagniaja tagne amy ty tane tsy misy na ino na ino ndre
Sina. [12]nila bak'ao amy ty tane tsy misy ino na ino ndre Sina iareo vaho nagniaja tao Dopka. [13]Niala tao Dopka
iareo vaho nagniaja tao Alosy. [14]Niala bak'ao Alosy iareo vaho nagniaja tao Refidima, ze tsy nahisaha rano ho
inome ty vahoake.[15]Niala bak'ao Refidima iareo vaho nagniaja tao amy ty tagne amy ty tane tsy misy na ino na
ino ndre Sinay.[16]Niala bak'ao amy ty tane tsy misy na ino ndre Sinay iareo vaho nagniaja tao Kibrota Hatava.
[17]Niala bak'ao Kibrota Hatava iareo vaho nagniaja tao Hazerota. [18]Niala bak'ao Hazerota iareo vaho nagniaja tao
Ritma.[19]Niala bak'ao Ritma iareo vaho nagniaja tao Rimona Pareza. [20]Niala bak'ao Rimona Pareza iareo vaho
nagniaja tao libna. [21]Niala bak'ao Libna iareo vaho nagniaja tao Risa. [22]Niala bak'ao Risa iareo vaho nagniaja tao
Kehelata[23]Niala bak'ao Kehelata iareo vaho nagniaja tao amy ty vohitse sapera. [24]Niala bak'ao amy ty vohitse
Sapera iare vaho nagniaja tao Harada. [25]Niala bak'ao Harada iareo vaho nagniaja tao Makelota. [26]Niala bak'ao
Makelota iareo vaho nagniaja tao Tahata.[27]Niala bak'ao Tahata iareo vaho nagniaja tao Tera. [28]Niala bak'ao Tera
iareo vaho nagniaja tao Mitka. [29]Niala bak'ao Mitka iareo vaho nagniaja tao Hasmona. [30]Niala bak'ao Hasmona
iareo vaho nagniaja tao Moserota.[31]Niala bak'ao Moserota iareo vaho nagniaja tao Bene Jakana. [32]Niala bak'ao
Bene Jakama iareo vaho nagniaja tao Hora Hagidgada. [33]Niala bak'ao Hagidgada iareo vaho nagniaja tao Jotbata.
[34]Nila bak'ao Jotbata iareo vaho nagniaja tao Abrona.[35]Niala bak'ao Abrona iareo nagniaja tao Eziona Gebera.
[36]Niala bak'ao Eziona Gebera iareo vaho nagniaja tao Kadesy. [37]Niala bak'ao Kadesy iareo vaho nagniaja tao amy
ty vohitse Hora, Tegne amy sisy ty tane ndre Edoma.[38]Niakatse tegne amy ty vohitse Hora re Arona mpisoro arake
ty lily Yaveh vaho mate tagne tamy ty fahaefapolo tao tafara ty niboaha ty vahoagn'Isarely tao Egypta, tamy ty
fahadimy ty vola, tamy andro voaloha ty vola. [39]123 tao Arona tamy ty re mate tagne amy ty vohitse Hora.[40]Iaze
Kananita, iaze mpanjake ndre Arada, ze nitoboke tagne amy ty tane tsy misy na ino na ino atimo tao amy ty tane
re Kanana, Le naheno ty fiavia ty vahoagn'Israely.[41]Niala bak'ao amy ty vohitse Hora iareo nagniaja tao Zalmona.
[42]Niala bak'ao Zalmona iareo vaho nagniaja tao Ponona. [43]Niala bak'ao Ponona iareo nagniaja tao Obota.[44]Niala
bak'ao Obota iareo vaho nagniaja tao Lay Abarima, tegne amy ty sisin-tane ndre Moaba. [45]Niala bak'ao Lay
Abarima iareo vaho nagniaja tao Dibon-gada. [46]Niala bak'ao Dibon-gada iareo vaho nagniaja tao Almon-
diblataima.[47]Niala bak'ao Almon-diblataima iareo vaho nagniaja tao amy ty vohitse ndre Abarima, tandrify ndre
Nebo. [48]Niala bak'ao amy ty vohitse ndre Abarima iareo vaho nagniaja tao amy reo tane may ndre Moaba agnila
ndre Jordane agne Jeriko. [49]Niala teo agnila ndre Jordana iareo agne Beta Jesimota Zisik'agne Abela Sitima tao
amy reo tagne may ndre Moaba.[50]Nitsara tamy ndre Mosesy re Yaveh tegne amy ty lemake ndre Moaba tegne
agnila ndre Jordana tao Jeriko vaho nanao tihoe: [51]"Miresah amy ty vahoagn'Israely vaho talilio amy iareo tihoe: '
Lafa mitsake andre Jordane ho agne amy ty tane Kanana nareo, [52]le tsy maintse roahinareo eo agnatrehanareo
reo vahoake iaby ao amy iaze tagne. Tsy maintse potehinareo reo sarin-jaka voasokitse iaby ahy iareo vaho
ravanareo reo fitoera ambone iaby.[53]Lonike alanareo ho anreo ty tane vaho mitoboha ao amy zane, satria fa
noeako ho fanagnanreo iaze tane. [54]Tsy maintse lovanareo amy ty alala ty loka ty tane, arake ty foko kiraikiraike
iaby. Ho ahy ty foko bey le tsy maintse omeanareo zara bey amy ty tane, vaho ty foko kele le omeanareo ty zara
kele amy ty tane. Na aia na aia hipoha ty antsapake amy reo foko kiraikiraike iaby, zane tane zane le ho aze.[55]Te
laha tsy voaroakareo eo agnoloanareo reo ndaty iaze tane, le ho avy manahake ty fitaova eo amy ty masonareo
vaho tsilo eo amy ty tehezanareo reo vahoake ze aponareo hijano. Hagnasarotse ty fiaignareo eo amy ty tane ze
hitobohanareo iareo. [56]Le ho ataoko aminareo avao kea ze safiriko ho atao amy reo vahoake reo.'"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 34

[1]Nitsara tamy ndre Mosesy re Yaveh le nanao tihoe: [2]"Lilio ty vahoagn'Israely vaho talilio iareo tihoe: ' Lafa hilitse
ty tane Kanana nareo, iaze tane ze ho anareo, ty tane Kanana naho ty faritse ty tanine, [3]hikisake zisik'agne amy ty
tane tsy misy na ino na ino ndre Zina magnarake ty sisy ndre Edoma ty atimonareo. Ty sisine atignana amy ty
sisine atimo le ho eo amy ty tsipike ze mijano ao amy ty fijanogna atimo ty Ranomasy Sira.[4]Ty efe-taninareo le
hihidike miagnatimo ty kaboa ndre Akrabima vaho mandeha mamakivake ty tane tsy misy na ino na ino ndre
Zina. Bak'agne, ro mandeha miagnatimo ndre Kadesi-barnea zane vaho magnagne Azmona. [5]Bak'agne, ty sisin-
tane le hitsoloke bak'ao Azmona magnagny amy ty vavabaibon-driake ty Egypta le magnarake zane zisik'agne an-
dranomasy.[6]Ty morontsirake andrefa ro ho sisin-tane Ranomasy Bey. Io ro ho efe-tane andrefanareo.[7]Ty efe-
tanenareo avaratse hikisake magnarake ty tsipike ze havahanareo zisik'agne amy ty Ranomasy Bey le zisik'agne
amy ty vohitse Hora, [8]vaho kea bak'agne amy ty vohitse Hora le zisik'agne Lebo-hamata, bak'eo le zisik'agne
Zedada. [9]Bak'eo ty fari-tane hitohy zisik'agne Zifrona le mijano ao Hazar-Enana. Zane ro ho efe-tane
avatsinareo[10]Bak'eo mariho ty efe-tanenao atignana zisik'agne Hazar-Enana atimo le zisik'agne Sefama. [11]Afara
zane ty efe-tane atignana hizotso bak'agne Sefama le zisik'agne Ribla, ao amy ty faritse atignana ty Ranomasy
Kinereta. [12]Bak'eo ty efe-tane le hitohy miagnatimo magnarake ty Sihanake Jordane le zisik'agne amy ty
Ranomasin-tsira. Zane ro ho tanenareo, magnarake ty sisine magnodidy iaby.'"[13]Le nandily ty vahoagn'Israely re
Mosesy vaho nanao tihoe: " Toy ro tane ze ho azonareo amy ty filoka, ze fa nililia Yaveh homea hoahy reo foko
sivy naho ty atsasake ty foko. [14]Ty foko ty taragna ndre Robena, arake ty fanendream-panagna ho ahy ty fokon-
draza iareo, vaho ty foko ty taranagne ndre Gada, arake ty nanendream-panagna ho ahy ty fokon-draza iareo,
vaho ty antsasa-poko ndre Manase iaby fa nandrabe ty tane iareo. [15]Reo foko roa naho ty antsasa-poko fa
nandrabe ty anjara-tane agne an-dafy ty Jordana miatignana andre Jeriko, tandify ty fiboaha ty
masoandro."[16]Nitsara tamy ndre Mosesy Yaveh le nanao tihoe: [17]"Reto iaby ty agnara reo lehilahy ze hizara ty tane
ty lovanareo: Eleazara mpisoro naho Josoa ana ndre Nona. [18]Lonike riha hifily mpitarike raike iaby saky ty foko
soa hizara ty tane ho ahy ty fianakaviambey iareo.[19]Reto iaby agnara reo lehilahy reo: Bak'amy ty foko ndre Joda,
le kaleba ana ndre Jefona. [20]Baka amy ty foko ty tarana ndre Simeona, le Semoela anan-dre Amihoda.[21]Baka amy
ty foko ndre Benjamina, le Elidada ana ndre Kislona.[22]Bak'amy ty foko ty tarana ndre Dana mpitarike raike, le
Boky ana ndre Jogly. [23]Bak'amy ty tarana ndre Josefa, Bak'amy ty foko ty tarana ndre Manase mpitarike raike, le
Haniela ana ndre Efoda.[24]Bak'amy ty foko ty tarana ndre Efraima mpitarike raike, le Kemoela ana ndre Siftana.
[25]Bak'amy ty foko ty tarana ndre Zebolona mpitarike raike, le Elifaza ana ndre Parnaka. [26]Bak'amy ty foko ty
taranagn'Isakara mpitarike raike, le Paltiele ana ndre Azana.[27]Bak'amy ty foko ty tarana ndre Asera mpitarike
raike, le Ahihody ana ndre Selomy. [28]Bak'amy ty foko ty taran ndre Naftaly mpitarike raike, le Pedahela ana ndre
Amihoda." [29]Yaveh nandily reo lehilahy reo soa hizara ty tane Kanana naho hagnomea ty saky fokogn'Israely ty
anjara iareo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 35

[1]Vaho Yaveh nitsara tamy ndre Mosesy teo amy ty tane maike Ndre Moaba teo agnila ty Jordana tao Jeriko le
nanao tihoe: [2]"Mandilia ty vahoake ty Israely soa hagnomea ty ilane amy reo zara-tanine ho ahy reo Levita.
Lonike hagnomea aze reo tanà soa hitobohane naho tane fandraofa ankata magnodidy reo tanà reo iareo.
[3]Hahazo zane tanà zane soa hitoboha reo Levita. Ty fandraofa ankata le ho ahy ty biby fiharene, ty ondry miarake
amy ty osine, vaho reo bibine iaby. [4]Ty fandraofa-ankata magnodidy ty tanà ze homeanao reo Levita le hakisake
arivo kilometatse manomboke eo amy ty lokoro vato ty tanà saky ty lala iaby.[5]Handrefe roa arivo kilometatse eo
ambalike ty tanà amy ty lafine atignana riha, vaho roa arivo kilometatse amy ty lafine andrefa, vaho roa arivo
kilometatse amy ty lafine avaratse. Ho fandraofa ankata ho ahy reo tanàne zane. ty tanà le ho eo apagnivoane[6]Ty
ene amy reo tanà fitsoloha. lonike homeanareo ho toera hahazoa reo ndaty ze namono ndaty lomay reo.
Hagnomea tanà efa-polo roa ambe hafa avoa kea. [7]Ty tanà ze nomeanao reo Levita le hiisake efa-polo valo ambe.
Lonike homeanao aiereo miarake amy ty fandraofa ankatane zane.[8]Ty foko bey ty vahoagn'Israely, ty foko ze
mana tane bey bey, le tsy maintse hagnomea tanà bey bey. ty foko kele hagnomea tanà kele. Ty foko kiraikiraike
le tsy maintsy hagnampe ho ahy reo Levita arake ty fizara ze fa nirambesine iamby."[9]Le nitsara tamy ndre Mosesy
re Yaveh le nanao tihoe: [10]"Mitenena amy reo vahoake ty Israely vaho talilio aiereo tihoe: 'Lafa mitsake eo amy
ndre Jordana hoagne amy ty tane Kanana nareo, [11]lonike hifily tanà hanompo ty tanà fitsoloha ho anao, toera
hilaisa aho ahy ze nomono ndaty tsy asane aze.[12]ho fitsoloha ho anareo amy ty mpamale fate zane tanà zane, soa
tsy ho fate zisike itsanganane hozaka eo agnoloa ty fiaraha-monigne ty voatanjake. [13]Lonike hifily tanà ene ho
tanà fitsiloha nareo[14]Tsy maintse magnomea tanà telo eo andafy ndre Jordana naho tanà telo ao amy ty tane
Kanana nareo. Ho tanà fitsoloha reo. [15]Ho ahy reo vahoaky ty Israely, ho ahy reo vahine, ho ahy ze mitoboke eo
aminareo, reo tanà ene reo le hatoka ho fitsoloha ho ahy ze iaby namono ndaty tsy asane aze milay.[16]Te laha
namofoke ty azon-drahane tamy ty fitaova vy iaze ndaty voatanjake, vaho laha maty iaze azon-drahane, le ho
mpamono ndaty vatane iaze voatajake. Lonike ho atao maty vatane reke. [17]Laha namofoke ty lasibane tamy ty
vato tegne an-tagnane ze mete hahafaty iaze voatajake, vaho laha maty iaze azon-drahane, le ho mpamono ndaty
vatany iaze voatajake. Ho atao maty vatane reke. [18]Laha namofoke ty azon-drahane tamy ty fitaovam-pialia hetae
ze hahafate aze iaze voatajake. Ho vonoa vatane reke.[19]Ty mpamale lio le mete hamono iaze mpamono ndaty.
Lafa mifanojike amine reke, le hamono aze iaze mpamale lio. [20]Laha mamofoke ty hafa amy ty fankahala na
manorake zaka amine reke, laha mamine soa hiketrike hamofoke aze, le ho mate iaze azon-draha, [21]na laha
mamofoke aze amy ty fankahala amy ty tagnane la mahafate iaze azon-draha le ho vonoa vatane iaze voatajake
ze namofoke aze. mpamono ndaty reke. Ty mpamale lio le hamono iaze mpamono ndaty lafa mifanojike amine
reke.[22]Te laha mamofoke ty azon-draha tampoke ty ndaty voatajake le tsy nisy fagnomana mialoha noho ty
fankahala na mitorake zaka ze hamafoke iaze azon-draha le tsy nandignindigne nanotrike [23]na laha mitorake
vato ze mete hahafate iaze azon-draha, le tsy ho fahavalo iaze azon-draha iaze vaotajake; tsy nipay hamparatse
iaze niazom-boy reke. Te manahake zao ro atao lafa mate iaze azon-draha.[24]Amy zane toe-draraha zane, le hizaka
iaze voatajake naho ty mpamaly lio amy ty fototse reo lalàgna reo ty fiarahamoigne. [25]Tsy maintse mamonje iaze
voatajake amy ty fahefa iaze mpamale lio ty fiaraha-monigne le tsy maintse hampimpole ty vaotajake agne amy
ty tanà fitsoloha ze nilaisane tagne am-boalohane. Hitoboke agne reke zisike hahafate ty mpisorobey amy zane
fotoa, iaze arere ze voahosotse tamy ty menake masy.[26]Te laha miboake amy ty fotoa iaby mihoatse ty faritse iaze
tanà fitsoloha hoa agne amy ze nilaisane ty voatajake, [27]vaho laha hisa ty mpamale lio agne ambalike ty faritse ty
tanà fitsolohane, vaho laha mamono iaze ndaty voatajake reke, ty mpamale lio le tsy ho helofa ho mpamono
ndaty. [28]Zane le noho ty tokone nitoboha ty ndaty voatajake teo amy ty tanà fitsolohane zisike hahafate ty mpisoro
bey. Afara ty havilase ty mpisoro bey, iaze voatajeke le himpole agne amy ty tane ze misy ty fagnane arere.[29]Zane
lalàgna zane le lalàgna ho anareo amy ty tarana ty vahoake iaby agne amy ty toera iaby ze hitobohanareo. [30]Na ia
na ia mamono ndaty, ty mpamono ndaty le hovonoa, arake ty voamare ty tsara reo vavolombelo. Te tsara ty
vavolombelo raike avao le tsy afake ty hahaavy ty ndaty raike ho vonoa ho mate.[31]Vaho kea, lonike tsy hagnina ty
vilim-pagnavota ho ahy ty fiay ty mpamono ndaty ze meloke noho ty famonoa ndaty nareo. [32]Lonike tsy hagnina
ty vilim-pagnavota ho ahy ty ndaty ze milay agne amy ty tanà fitsoloha nareo. Lonike tsy ho amy zane fomba
zane ro hampimpohanao aze hitoboke ao amy ty fitoerane zisike hahavilasy ty mpisoro bey.[33]Ka lotoa amy zane
fomba zane ty tane ze itobohanareo, satria lio ty mpamono ndaty ro mandoto ty tane. Tsy misy fagnavota ho ahy
ty tane lafa poke amy ty tane ty lio, afa-tsy amy ty lio ze napipoke zane. [34]Vaho lonike tsy handoto ty tane ze
itobohanareo nareo satria mitoboke ao amy zane Raho. Iraho, le mitoboke eo amy ty vahoagn'Israely.'"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 36

[1]Vaho reo mpitarike ty finakaviandrazabey ty longom-bey ndre Gileada ana ndre Makira ( ze ana ndre Manase),
ze bak'amy reo foko ty tarana ndre Josefa, le avy le nitsara teo agnoloa ndre Mosesy naho teo agnoloa reo
mpitarike ze loha ty longon-drazambey ty vahoagn'Israely. [2]Nanao tihoe iareo: "Yaveh ro nandily anao, Ry
tomponay, soa hagnomea anjara tane ho ahy ty vahoake ty Israely amy ty filoka. Nililia Yaveh riha soa hagnomea
ty anjara ndre Zelofada rahalahinay ho ahy reo anak'ampelane.[3]feie laha manambaly lehilahy bak'amy ty foko ty
vahoagn'Israely hafa reo anak'ampelane, le hala tsy ho anjara ty razambeintika ty anjara iareo. hagnampe ty
anjara reo foko ze andehana iareo zane. Amy zane, le hala tsy ho anjara voatendre ho lovantika zane. [4]Amy zane,
lafa avy ty tao ty jobile ty vahoake ty Israely, le hikamba amy ty anjara ty foko ze nandehana iareo ty anjarane. Le
zane, ro hangala ty anjara iareo amy ty anjara ty fokon-drazambeintika.[5]Le nagnomey baiko ty vahoke ty Israely,
tamy ty tsara Yaveh re Mosesy. Nanao tihoe: " To ty voatalily ty foko ty tarana ndre Josefa. [6]Zane ro andilia Yaveh
mikasike reo anak'ampela ndre Zelofada. Nanao tihoe Reke: 'Ampoho iareo hanambaly ze safirine te soa, feie
hanambaly ze ao amy ty fokon-draene avao iareo.'[7]Tsy misy ty anjara ty vahoake ty Israely hiova foko ho amy ty
foko hafa. ty kiraikiraike amy ty vahoake ty Israely le hitajake ty anjara ty fokon-drazambeine.[8]Ty ampela ty
vahoake ty Israely kiraikiraike ze managnan-jara ao amy ty fokone le tsy maintse manambaly ndaty bak'amy reo
longombey ty foko ty babane. Zanele soa hanagna ty kiraikiraike amy ty vahoake ty Israely lova bak'amy reo
razambeine. [9]tsy tokone hisy anjara hifindra tana ho ahy ty foko hafa. Ty ndaty iaby amy reo foko ty vahoake ty
Israely le hitajake ty lovane avao."[10]Le nanao arake ze nandilia Yaveh andre Mosesy reo anak'ampela ndre
Zelofada. [11]Mahala, Tirza, Hogla, Milka, vaho Noa, reo anak'ampela ndre Zelofada, le nanambale ty tarana ndre
Manase. [12]Nanambaly tao amy reo lonombey reo tarana ndre Manase ana ndre Josefa iareo. Le zane, ro nitoera ty
lova iareo tao amy ty foko ze ahy reo longombey ty baba iareo.[13]Reo ro lily naho lalàgna ze nomey Yaveh tamy ty
alala ndre Mosesy ho ahy ty vahoake ty Israely teo amy reo lemake ndre Moaba amy sisy ndre Jordana tao Jeriko.

# Deuteronomy

Chapter 1

[1]Hoe iazo reo rehake ze natalily Mosesy tamy Israely iaby tagne andafign'i Jordana tagne agnefetre, tegne amity
lemake ty baibon-driake ty rano i Jordana tandrife i Sofa, teo agnivo i Parana, Tofela, Labana, Hazerota, naho
Dizahaba. [2]Lala raike ambiny folo andro bakagne Horeba mandrio ty vohitse Seira zisikagne Kadesa-Barnea zay.
[3]Tamity tao faha efa-polo, faha raike ambinifolo ty folo ty vola, andro voaloha ty vola, le nirehake tamireo
vahoake Israely ty Mosesy, nitalily tamiereo iaby ze nandilia Yaveh ty mikasike iereo. [4]Zay le tafara ty nanafiha
Yaveh i Sihona mpanjaka reo Amorita, ty nitoboke tao Hesbona, vaho Oga mpanjaka Basana, ty nitoboke tao
Astarta tagne Edrehy.[5]Tagne andafegn'i Jordana, tao amity tane Moaba, ty Mosesy ro namototre nagnambara reo
lily Nagnahare, manao ty hoe: [6]"Nirehake tamintika tagne Horeba Yaveh Zagnaharentika, manao ty hoe:' Le fa
nitoboke ela teto amity vohitse toy nareo.[7]Tohizo ndraike ty lianareo, naho mindehana agne amity vohitse ty
Amorita vaho agne amireo toera iaby egne amity lemake ty baibon-driake ty renerano Jordana, egne amity
vohitse, egne amity faritre fohe, ao Negreva, vaho egne amorontsirake__egne amity tane Kananita, vaho agne
Lebanona zisikagne amity loharano bey, le Eofrata. [8]Ingo, le fa nomeako anareo ty tane; mindehana ao naho
lovao ty tane ze nifanta Yaveh tamireo razambeinareo__tamy Abrahama, tam'Isaka, naho tamy Jakoba__fa amea
iereo vaho reo fokone ao afara.'[9]Nirehake taminareo raho tamize andro zay, nanao ty hoe:' Tsy zakako arere
nareo. [10]Le fa nampitomboe Yaveh Zagnaharenareo nareo, naho, ingo, amizao nareo le maro manahake ty kinta
egne andagnitse. [11]Yaveh, Zagnahare ty razanareo, anie hampitombo arivo egne ty hamaroa nareo amizao, naho
hitahy anareo, arake ty le fa nampagnategnaene anareo![12]Fa amity fomba akore ro hilanjako arere ty
favesagnareo, ty enta-mavesagnareo, naho ty fifandieranareo? [13]Mangala lahilahy hendre, lahilahy manam-
pahaia, naho lahilahy manan-daza amity soa isake ty foko, naho hataoko ho lohanareo iereo.' [14]Namle ahy nareo
naho nirehake ty hoe:' Ty zaka ze nirehafenao le soa ho ataonay'[15]Ka le nalaeko reo lohane eo amity fokonareo, le
reo lahilahy hendre, vaho lahilahy manan-daza soa, ka hanao iereo ho lohanareo, mpifehe ty arivo, mpifehe ty
zato, mpifehe ty dimam-polo, mpifehe ty folo, naho manan-kasy, isake ty foko. [16]Nandily reo mpitsara anareo raho
tamize andro zay, nanao ty hoe:' Dranogno ty fifamalea eo amireo rahalahinareo, naho mitsara ampahamarea
magnoloa ty ndaty vaho ty rahalahine, naho reo vahiny ze miarake amine.[17]Tsy hanoro fiviogna na aminia ia
agnate fifandiera nareo; hidrano reo madineke naho hidrano reo bey avao kea nareo. Tsy hatahotre ty toera ty
ndaty nareo, satria an'Agnahare ty fitsara. Ty fifandiera ze voasoratre ho anareo, le ho entenareo amiko eto, ka


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

ho dranognako zay.' [18]Tamize andro zay raho le nandily anareo reo zaka iaby tokone hataonareo.[19]Niala bakagne
Horeba tika naho nindeha nagnera ty efetre bey vaho mampatahotre zay hisagnareo, tegne amity lalanareo ho
agne amity vohitse ty Amorita, arake ty nandilia Yaveh Zagnaharentika antika; ka niavy tao Kadesi-Barnea tika.
[20]Hoe raho taminareo ty hoe:' Avy etoy amity tane tazoa ty Amorita tika, zay amea Yaveh Zagnaharentika ho
antika. [21]Ingo, Yaveh Zagnaharenao le fa nametrake ty tane magnoloa anao; mindehana, mandova, arake ty le fa
nirehafe Yaveh, ty Zagnahare reo razambeinao taminao; ko matahotre na ko kivy.'[22]Nareo kira-kiraike iaby le
namonje ahy naho nirehake ty hoe:' Andao tika handefa lahilahy hialoha lala antika, mba hipaia iereo ty tane ho
antika, naho hinday talily momba ty fomba hanafihantika, vaho momba reo tana handehanantika.' [23]Nahafale
ahy ty hevetse; nangalake lahilahy roe ambifolo teo aminareo raho, lahilahy raike iske ty foko. [24]Nitoli-doha iereo
naho niakatre ho egne amity tana egne ambohitse, niavy tao amity baibo Eskola, naho nanao fitiliha tao.
[25]Nangalake ty ilane tamireo vokatre teo amity tane tegne antanane iereo naho ninday zay tamine eo. Ninday
rehake ho anay kea iereo ka nanao ty hoe:' Tane soa zay nomea Yaveh Zagnaharentika ho antika zay.'[26]Kanefa
nareo milietse ty hanafike, fa navande nandietse ty lily Yaveh Zagnaharenareo. [27]Nitaray tao agnate tragnonareo
nareo naho nirehake ty hoe:" Satria heje Yaveh tika le nientene niakatre ty tane Egypta, mba hanolotre antika
egne ampelatagna reo Amorita mba hamoteke antika. [28]Aia ty homba tika amizao? Ty arofo ntika le fa
nampitahore reo rahalahintika ty hoe:' Bey naho lava tane tika reo vahoake reo; bey vaho voaaro mafe
manakatre ty lagnitse ty tagna iereo; fagnampene, le fa hisantika tagne reo ana ty Anakita.'"[29]Le hoe raho taminao
ty hoe:'ko matahotre,na ko mihorohoro iereo. [30]Yaveh Zagnaharenao, zay nindeha nialoha anao, le hialy ho anao,
manahake reo zaka iaby ze le fa nataone teo amasonao ho anao tao Egypta, [31]naho tagne angefetre, ze
nahisahanao ty fomba nikarakara Yaveh Zagnaharenao anao, manahake ty fikarakara ty lahilahy raike ty
anadahine, na taia na taia nindehananao zisike ty niavianao teto amity toera toy.'[32]Kanefa na le teo aza zay
rehake zay le tsy nino Yaveh Zagnaharenareo, [33]ze nialoha lala anareo mba hipay toera hitobenareo nareo, tamity
afo ty hale naho tamity raho ty andro.[34]Reign'Yaveh ty feo ty rehanareo naho le meloke re; nifanta re naho
nirehake ty hoe: [35]'Azo antoke fa tsy hisy raike amity ndaty bakamity foko raty toa hahisake ty tane soa ze
nifantako fa homeiko reo razanareo, [36]ankoatre Kaleba anagn'i Jefone; hahisake zay re. Homeiko aze, vaho reo
anane ty tane ze le fa niliane, satria nagnorike vatane Yaveh re.'[37]Meloke tamiko noho ty aminareo avao kea ty
Yaveh, manao ty hoe:' Iriha avao kea le tsy ho agne; [38]Josoa anadahign'i Nona, zay mitsanga eo agnoloanao, le
hindeha agne; ampaherezo re, satria re ro hitarike i Israely handova zay.[39]Fagnampezay, reo zafekelenao, reo ze
nirehafenao fa ho azo, ze tsy mana fahaia ty amity soa vaho raty amizao__le ho agne iereo. Ameako iereo zay,
naho ho lovaene zay. [40]Fa laha ty aminao, miheregna naho mindehana agne angnefetre magnorike ty lala mbaeo
amity riake mena.'[41]Naho namale nareo ka nirehake tamiko ty hoe:' Nanota tamy Yaveh zahay; hijoro vaho hialy
zahay, naho hagnorike iaby ze le fa nandilia Yaveh Zagnaharentika ho ataontika.' Ty lahilahy iaby teo aminareo
le nampilitse ty zaka-fialiane, naho nareo nivogno hanafike ty tana tazoa. [42]Hoe ty Yaveh tamiko ty hoe:" Ambarao
iereo ty hoe:" Ko manafike naho ko mialy, satria tsy hiarake aminareo raho, naho ho resegn'ireo fahavalonareo
nareo.'[43]Hoe izay ro nirehafako anareo, kanefa tsy nidranognanareo. Nandietse ty lily Yaveh nareo; nirehareha
nareo naho nanafike ty tane tazoa. [44]Fa reo Amorita, ze nitoboke tegne amio tane tazoa ao, le niakatre nandietse
anareo naho nagnia anareo manahake ty tantele, naho nagnisy anareo tao Seira, zisikagne Horma.[45]Nihere naho
nitagny teo agnoloa Yaveh riha, kanefa Yaveh tsy nidrano ty feonao, na nanente anao. [46]Ka le nijano tao Kadesa
zisike ty andro maro riha, arake reo andro ze nijanognanao tagne.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Naho nihere ka nanohy ty lianay nimbaeo angnefetre mbamity riake mena zahay,arake ty nirehafe Yaveh
tamiko; le nindeha nagnodidy ty vohitse Seira zisike ty andro maro zahay. [2]Naho nirehake tamiko ty Yaveh, nanao
ty hoe: [3]'Le fa ampe ty fotoa lava nindehananareo nagnodidy ty vohitse toy; fa mindehana magnavaratre.[4]Baiko
ty ndaty, manao ty hoe:" Mila mandalo ty sisin-tane reo raghalahinareo nareo, le ty foko i Esao, ze mitoboke agne
Seira; hatahotre anareo iereo. Laha zao miambena [5]mba tsy hialy amiereo, fa tsy hameiko amity tane iereo nareo,
na le tane fenon-tomboke hamindra ty tomboko aza; satria le fa nomeako i Esao ho fanagna ty vohitse Seira.[6]Vola
ro hivilianao sakafo amiereo, mba hahafahanao mihina; vola avao kea ro hivilianao rano amiereo, mba
hahafahanao mino. [7]Satria Yaveh Zagnaharenao le nitahy anao tamity asa ty tagnanao iaby; le fa haine ty
fandehananao amity tane efetre bey toy. Satria niarake taminao Yaveh Zagnaharenao zisike ty efa-polo tao zay, ka
tsy sahira na ino ino riha."'[8]Ka le nandrio tagne amity tane reo rahalahintika tika, le ty foko i Esao ze mitoboke
agne Seira, lavitre ty lala Araba, bakagne Elata vaho bakagne Ezion-Gebera. Bakeo nihere tika ka nandrio teo
amity lala mbaeo amity tane efetre Moaba.[9]Hoe ty Yaveh tamiko ty hoe:' Ko magnakoronta i Moaba, naho ko
mialy amiereo. Fa tsy hoeako anao ho fanagnanao arere ty tenene, satria are le fa nomeako reo foko i Lota, ho
fanagnane iereo.'[10](Nitoboke tagne ty Emima taloha, zay firene bey, maro agnisa, naho lava manahake ty Anakita;
[11]niraise manahake ty Refaita avao kea reo, manahake reo Anakita; fa natao reo Moaba ty hoe Emima iereo.
[12]Nitoboke tagne Seira avao kea reo Horita taloha, nefa niraese ty foko i Esao iereo. Naravane tsy ho eo agnoloane
iereo ka nitoboke teo amity toeragn'iereo, manahake ty natao Israely tamity tane ze nomea Yaveh
iereo.)[13]"'Henanezao mitsangana naho mindehana agne amity baibon-driake Zareda.' [14]Naho ty andro
nindehananay bakagne kadesi-Barnea zisikagne amity baibon-driake Zareda, le naharetre valo amby telo-polo
tao. Tamize andro zay ro nahalasa reo lahilahy mpialy tamio foko o teo amity ndaty, arake ty nandilia Yaveh
tamiereo. [15]Fagnampe zay, nandietre ze foko zay ty tagna Yaveh mba hamoteha iereo tsy ho eo amity ndaty
mandran-pahafate iereo.[16]Ka le zao ro niseho, lafa fa mate reo lahilahy mpialy ka niala teo amireo ndaty, [17]le
nirehake tamiko Yaveh, nanao ty hoe: [18]'Henanezao riha le handrio agne agne Ara, sisy Moaba. [19]Laha fa miharine
ty tane i Amona riha, le ko magnakoronta na mipay aly amiereo; fa tsy hagnomea anareo ty tane ty vahoake i
Amona ho fanagna raho; satria le fa nomeako reo foko Lota ho fanagnane zay."'[20](Zay kea le raese ho tane i
Refaita. Le fa nitoboke tao reo Refaita taloha__fa reo Amonita nikaike iereo hoe Zamzomita__[21]firene bey, maro
agnisa, naho lava manahake reo Anakita. Fa Yaveh nandrava iereo tsy ho eo agnoloa reo Amonita, naho rinoane
iereo ka nitoboke teo amity toera iereo. [22]Hoe zay kea ro natao Yaveh tamity vahoake Esao, ze nitoboke tagne
Seira, laha fa nandrava reo Horita tsy ho eo agnoloane iereo, ka nandroake iereo ty foko i Esao naho nitoboke teo
amity toera iereo zisike zao.[23]Naho ty amireo Avita ze nitoboke tagne amity tana lavitre manahake i Gaza, le
rinava ty Kaftorita, zay bakagne Kaftora iereo, ka nitoboke tao amity toerane iereo.)[24]"'Henanezao mitsangana,
mindehana amity lianareo, naho mandalova agne amity baibo i Arnona; ingo, natoloko eo ampelatagnanao ty
Sihona ty Amonita, mpanjaka i Hesbona, vaho ty tanene. Santaro ty fanagnanao, naho mialia amine. [25]Henanezao
le hanomboke hametrake ty tahotre vaho horohoro anao eo amireo ndaty ze ambane ty lagnitse iaby raho;
haharey vaovao momba anao iereo naho hiholiboro vaho hangorohoro noho ty aminao.'[26]Nagnirake mpinday
talily bakagne agnefetre Kedemota raho hombaeo amy Sihona, mpanjaka i Hesbona, niarake tamity rehake
filongoa, manao ty hoe: [27]'Engao raho handrio eo amity tanenao; fa magnorike ty lalambey ty hindehanako; naho
tsy hiotake hiankavia na hiankavana raho.[28]Vola ro hiviliako sakafo aminao, mba hahafahako mihina; vola ro
hiviliako rano, mba hahafahako mino; engao avao raho hindeha; [29]arake ty natao ty foko Esao ze mitoboke agne
Seira, vaho reo Moabita ze mitoboke agne Ara tamiko; mandram-pitsahako i Jordana mbaeo amity tane ze amea
Yaveh Zagnaharenay ho anay.'[30]Fa Sihona, mpanjaka Hesbona, le tsy hagnenga antika handrio amine eo; satria
Yaveh Zagnaharenao le nagnamafe ty saine naho nagnamafe ty arofone, mba hahafahane mandrese aze amity
herenao, ze le fa nataone amizao. [31]Hoe ty Yaveh tamiko ty hoe:' Ingo, le fa nanomboke nanolotre Sihona vaho ty
tanene teo agnoloanareo raho; santaro ty fanagna zay, mba hahafahanareo mandova ty tanene.'[32]Bakeo Sihona
avy nandietse antika, re vaho reo vahoakene iaby, mba hialy agne Jahaza. [33]Fa natolo Yaveh Zagnaharentika
tamintika re ka resentika; vinononţika ho mate re, naho reo anadahine, naho reo vahoakene.[34]Nalaentika iaby ty
tanane iaby tamize andro zay naho pinotentika vatane ty tanane iaby__reo lahy vaho vave naho reo malineke; tsy
nisy napoke ho velo. [35]Ty biby hare zay azontika, niarake tamireo fanagna tao amity tana avao ro nalaentika.
[36]Zisikagne Aroera, ze agne amity sisy ty baibo i Arnona, ka zisikagne amity tana ze agne amity baibo, ka
zisikagne amity lala iaby mbaeo Gileada, le tsy nisy tana abo loatre ho antika. Yaveh Zagnaharentika le
nagnomea faharesea ho antika tamireo fahavalo teo agnoloantika. [37]Tagne amity tana reo foko i Amona avao ro

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

tsy nindehananao, amity sisy ty renerano Jakoba iaby, vaho reo tana ty tazoa__na taia na taia nirara Yaveh Zagnaharenay tsy hombantika.

## Chapter 3

[1]Naho nimpoly zahay ka nindeha tamity lala mbaeo Basana. Oga, ty mpanjaka i Basana, niavy vaho nanafike
anay, re vaho reo vahoakene iaby, mba hialy ao Edrehy. [2]Hoe ty Yaveh tamiko ty hoe:' Ko matahotre aze; satria le
fa nomeako fandresea teo amine nareo naho le fa nametrake ty vahoakene vaho ty tanene iaby teo ambane
fandilianareo raho. Hataonareo amine ze nataonareo tamy Sihona, mpanjaka i Amorita, ze mitoboke agne
Hesbona.[3]Ka nomea Yaveh Zagnaharenay anay ty faharesea i Oga mpanjaka i Basana, naho reo vahoakene iaby le
natao teo ambane fandiliane. Nivonoenay iaby iereo iaby zisike ty nilania reo vahoakene. [4]Nalaenay iaby reo
tanane iaby tamize andro zay; tsy nisy tana ze tsy nalaenay tamiereo: tana enempolo__ty faritre Argoba iaby, ty
fanjaka i Oga ao Basana.[5]Reo tana iaby reo le voaaro soa tamity alala ty manda abo, vavahady, naho hily mafe;
lafa-tsy ty vohitse maro ze tsy misy manda. [6]Niravaenay vatane iereo, manahake ty nataonay tamy Sihona
mpanjaka Hesbona, rinava vatane reo tana iaby__ty lahilahy vaho ty ampela naho ty kolo. [7]Fa ty biby hare iaby
vaho ty fanagna tao amireo tana reo kea, le nalaenay mba ho fanagnanay.[8]Tamize andro zay ro nangalanay ty
tane teo ampelatagna reo mpanjaka roe i Amorita, zay tagne andafe i Jordana, miala eo amity baibo i Arona
zisikagne amity vohitse Hermona [9](Vohitse Hermona ze natao ty Sidoniana hoe Siriona, naho natao reo Amorita
ty hoe Senira) [10]vaho reo tana ty tane lemake iaby, Gileada iaby, naho ty Basana iaby, ty lala iaby mbaeo Saleka
vaho Edrehy, reo tana ty fanjaka i Oga ao Basana."[11](Tamireo sisa velo tamy Refaita, le i Oga mpanjaka i Basana
arere avao sisa ro tavela. Ingo! Ty fandreane le fandrea vy. Feie tsy tane Raba, tane amize nomea reo foko i
Amona vao zay? Sive metatre ty halavane naho efatre metatre ty borine, arake ty fomba fimentara ty ndaty.)[12]Ty
tane zay nalaenay ho fanagna tamize andro zay tamy Aroera, zay teo antsisy ty bibo i Arnona, ty antsasa ty tazoa
ty tana i Gileada, vaho reo tanane-le fa nomeako reo Rebonita vaho reo Gedita. [13]Ty Gileada sisa tavela vaho
Basana iaby, ty fanjaka Oga, le nomeako ty antsasa ty foko i Manase: reo faritre Argoba iaby, vaho Basana iaby.(Ze
faritane zay avao ro kaihe ty hoe tane i Refaita.)[14]Jaira, foko Manase, le nangalake ty faritre Argoba iaby zisikamy
Gesorita vaho Makatita. Ty faritre iaby, eka fa ndre le i Basana aza, le kinaike tamity agnarane arere ty
hoe:Havota-jaira, zisike androany.)[15]Nomeako i Makira ty Gileada. [16]Reo Robenita vaho reo Gadita le nomeako ty
tane manomboke eo Gileada ka zisikagne amity baibo i Arnona__ty agnivo ty baibo ro faritane ty faritre__naho
zisikagne amity renerano Jakoba, ty faritane ty foko i Amona.[17]Fari-tane ty hafa avao kea ty tane gebo ty baibon-
drenerano i Jordana, manomboke eo Kireneta zisikagne amity Riake Araba(zane hoe: ty Rian-tsira) zisikagne
amireo lava-bohitse Pisga antignana.[18]Nandily anareo raho tamize andro zay, nanao hoe:' Yaveh Zagnaharenareo
le fa nagnomea anareo ty tane toy mba ho lova; nareo, ze voaoma ho ahy ty aly iaby, le hitam-pialia hisake eo
agnoloa reo rahalahinareo, reo ndaty Israely.[19]Fa reo valinareo, reo anagnareo, vaho reo biby harenareo(Haiko fa
mana biby hare maro bey nareo), le hitoboke amireo tanagnareo ze le fa nameako anareo, [20]mandram-pagnomea
Yaveh fitofa reo rahalahinareo, manahake ty nataone anareo, mandra-panagna iereo ty tane ze namea Yaveh
Zagnaharenareo iareo agne andafe Jordana; bakeo nareo, nareo iaby, hihere ho agne amity fanagnanareo arere
ze le fa nameako anareo.'[21]Nandily Josoa raho tamize andro zay, nanao hoe:" Reo masonao le fa nahisake iaby ze
natao Yaveh tamireo mpanjaka roe reo; Yaveh le hanao hoe zay amireo fanjaka iaby ze hisanareo. [22]Tsy hatahotre
iareo nareo, satria Yaveh Zagnaharenareo ro iaze raike hialy ho anareo."[23]Nangatake tamy Yaveh raho tamize
andro zay, nanao hoe: [24]"O ry Tompo Yaveh, nanomboke nanoro ty habeinao vaho ty tagnanao mahere tamity
mpanomponao Riha; fa aia agne andagnitse na antane eto ro misy zagnahare afake manao reo asa manahake ty
fa nataonao, vaho reo asa mahere manahake zay? [25]Engao raho hitsake, mangatake aminao raho, ka hahisake ty
tane soa ty agne andafe Jordana, ty tazoa soa ty tana, naho Libanona avao kea."[26]Fa meloke tamiko Yaveh noho
riha; tsy nidranjy ahy re. Hoe Yaveh tamiko:" Ao ho ampe anao toy ko mirehake maro amiko momba ze ndaty
zay: [27]miarake agne ambone Pisga naho ampagnenteo agne ahandrefa, agne avaratre, agne antimo, naho agne
antignana ty masonao; henteo amity masonao, satria tsy hisake agne Jordana riha.[28]Fa kea, anaro ty Josoa naho
ampimafeo vaho hatanjaho re, satria re ro hindeha magnoloa ty ndatine, naho re ro hahavy iereo handova ty
tane ze ho hisanao." [29]Laha zao le nijano tao amity baibo andafe i Beti-Peora zahay.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

1Amizao, ry Israely, midranjigna ty lalana vaho ty lily ze hampianareko anareo, hataonareo; mba hahavelo anareo vaho hiliranareo ka hangalanareo ty tane ze hamea Yaveh, ty Zagnahare ty razanareo nareo. 2Ao nareo tsy hagnampe ty rehake ze handiliako anareo, na hagnafake amizay, mba hiambenanareo reo lala Yaveh Zagnaharenareo ze handiliako anareo.3Ty masonareo le fa nahisake ze natao Yaveh noho Bala-peora; satria ty ndaty iaby ze nagnorike i Bala-peora, le rinava Yaveh Zagnaharenao hiala teo aminao. 4Fa nareo ze niarake tamy Yaveh Zagnaharenareo kea le mboe velo amizao, iaby aminareo.5Ingo, nagnanatre lily aman-dala anareo raho, arake ze nandilia Yaveh Zagnahareko ahy, fa tokone hanao zay eo agnivo ty tane ze hiliranareo mba ho azonareo nareo. 6Ka ambeno zay ka anovo; fa zay ro hamarea vaho hazavan-tsay nareo eo amaso ty ndaty ze haharey momba reo lily iaby reo ka hanao ty hoe:' Azo antoke fa vahoake hendre vaho manan-pahaia ty firenem-bey toy.'7Fa ia ro firene bey hafa ze mana zagnahare marine aze vatane, manahake Yaveh Zagnaharentika isake ty mikaike Aze tika? 8Ia ro firene bey hafa ze mana lily aman-dala mare manahake ty lalana ze atoboko eto agnoloanareo androany toy?9Fa miambena naho ambeno soa ty vatanao, mba tsy hagnalignoanao ty zaka ze hisa ty masonao, naho mba tsy hiala ty arofonao amity androm-piaignanao iaby zay. Fa kea, ampahaio amity ananao vaho ty zafenao zay. 10Tamity andro ze nijoroanao teo agnoloa Yaveh Zagnaharenao tagne Horeba, le nirehake tamiko Yaveh hoe:' Avorio ho ahy ty vahoake, naho zaho hampaharey iereo ty rehako, mba hianara iereo hatahotre ahy amity androm-piaigna iereo iaby eto antane, ka hahaia iereo magnanatre ty anane.'11Le niharine nareo naho nitsanga teo ampoto ty vohitse. Nirehetre afo nanakatre ty halale ty lagnitse ty vohitse, niarake tamity ieke, raho, naho iem-pito mateve. 12Nirehake taminareo bakao agnivo ty afo Yaveh; naharaey ty feo niarake tamity rehake nareo, feie tsy nahisake toera; naharey feo niarake tamity rehake nareo, feie tsy nahisake ty toerane; naharey feo avao nareo.13Nagnombara taminareo ty fagnenkea ze nililiene hataonareo re, le lily folo. Sinorane tamity vato pisake roe zay. 14Nandily ahy hagnanatre anareo ty lily vaho baiko Yaveh tamize andro zay, mba hanovanareo zay agne amity tane ze hitobohanareo ka halaenareo ho hanagna.15Ka miambena soa__fa tsy nahisake ty toerane nareo tamize andro nisafagna Yaveh taminareo tao Horeba bakao agnivo ty afo zay__16mba tsy hanimba vata-nareo ka hagnamboatre sare-sokitre mitovy toera amize mete ho hare iaby, le toeragn'ondaty lahy na vave, 17na mitovy toera amize mete ho biby iaby eto antane, na mitovy toera amize mete ho biby managnelatre naho mitily egne amity lagnitse, 18na mitovy toera amity zaka iaby ze milaly amity tane, na mitovy toera amity fia agne agnate rano ambane tane.19Ao ty masonao tsy hiandrandra lagnitse naho hanente ty masoandro, ty vola, na ty kinta__ty zaka iaby egne amity lagnitse__ka ho voatao hivavake amirey vaho hanompo rey__reo zaka namea Yaveh Zagnaharenao anjara ho ahy ty firene iaby ambane ty lagnitse. 20Fa Yaveh nangalake anareo ka ninday anareo niala bakao amity toko fandrehetam-by, le bakagne Egypta, mba ho vahoake ze lovane arere, manahake anareo amizao.21Meloke tamiko Yaveh noho ty aminareo; nifanta Re fa tsy hitsake i Jordana raho, naho tsy hilitse ao amize tane soa zay, le ty tane ze namea Yaveh Zagnaharenao ho lovavanao. 22Fa kea, tsy maintsy ho mate eto amity tane toy raho; tsy maghazo mitsake i Jordana raho; fa nareo kea le hitsake naho hahazo ze tane soa zay.23Ambeno soa ty vatanareo, mba tsy hagnaligno ty fagnenkea Yaveh Zagnaharenareo, ze nataone taminareo, ka hagnamboatre sare sokitre mitovy toera amy iaby ze nandrara Yaveh Zagnaharenao tsy hataonao. 24Fa afo mandrava Yaveh Zagnaharenareo, naho Zagnahare saro-tene.25Laha fa managnanake aman-jafe riha, naho lafa fa nitoboke ela tao amity tane, naho laha manimba ty vatanao ka manao sare-sokitre arake ty toera ze mete ho zaka iaby, naho manao ze raty eo amaso Yaveh Zagnaharenao, mba hagnentseke ty helone__26le mikaike ty lagnitse vaho ty tane raho androany ho vavolombelo aminareo fa ho rava hiala eo amity tane ze hisanareo agne Jordana ho fanagnanareo vatane nareo; tsy ho lava andro ao nareo, fa ho rava iaby.27Ho zarae Yaveh eo amity vahoake nareo, ka ho hatao tsiampe sisa eo amireo firene, ze hindaisa Yaveh anareo nareo. 28Agne nareo ro hanompo zagnahare hafa, zay asa ty tagna ondaty, vita amity hetae vaho vato, zay vaho tsy mahisake, ro tsy maharey, ro tsy mihina, na magnimbo.29Fa bakagne nareo ro hipay Yaveh Zagnaharenareo, ka hahisake aze, laha fa mipay aze amity arofonareo iaby vaho amity fagnahinareo iaby nareo.30Laha fa ore nareo, naho laha fa avy aminareo ze zaka iaby zay, le hihere amy Yaveh Zagnaharenareo nareo ka hidranjy ty feone agne afara agne. 31Fa zagnahare mandefetre Yaveh Zagnaharenareo; tsy hienga na handrava anareo Re, na hagnaligno ty fagnenkea ty razanareo ze nifantane tamiereo.32Fa zao le dineho ty andro lasa, ze talohanareo: manomboke tamity andro ze namboaran'Agnahare ty Ondaty teto antane, naho nanomboke tamity ila ty lagnitse ka zisikeo amity ila ty hafa , dineho laha nisy manahake ze zaka foloay zay, naho feie vao nisy zaka manahake zay mboe rey? 33Feie vao le fa nisy vahoake naharey ty feon'Agnahare nirehake bakeo agnivo ty afo, manahake ty nahareizanao, ka velo?34Na feie ty Zagnahare le fa nipay ty hindeha ka hangalake firene ho aze bakeo agnivo ty firene hafa, amity alala ty fitsapa, famantara, naho amity fahagaga, vaho aly, amity tagna mahere, vaho sandry

bey, naho amity horohoro bey, manahake ty zaka iaby ze natao Yaveh teo amasonareo hoanareo tagne Egypta?
[35]Riha ro nanoroa reigne zaka reigne, mba hahaianao fa Yaveh ro Zagnahare, naho tsy misy hafa tsy Re. [36]Bakagne
andagnitse ro nampahareizane anao ty feone, mba hahafahane magnanatre anao; teto antane ro nanoroane
anao ty afone bey; naharey ty feo bakeo agnivo ty afo riha.[37]Satria tea reo razambeinareo Re, le nifily ty foko ze
nisolo iereo, ka ninday anao niakatre i Egypta teo amity fiatrehane, tamity herene bey; [38]mba handroaha ty firene
bey vaho mafe noho riha hiala eo agnoloanao, ka hampilitse anao ao, mba hagnomea anao ty tane iereo ho lova,
manahake ty androany.[39]Ka haizo naho androany, naho anovo ao ampo zao, fa Yaveh ro Zagnahare agne
andagnitse agna ambone vaho eto antane eto ambane; naho tsy misy hafa. [40]Hiambe ty liline vaho ty lalane ze
handiliako anao androany riha, mba ho soa ty aminao vaho ty foko nao afara, naho mba hahalava ty andro
hivelomanao ao amity tane ze namea Yaveh anao zisikezay."[41]Bakeo le nifily tana telo bakegne amity ilane
antignana Jordana ty Mosesy, [42]mba hahafaha ty ndaty milay agne amity raike amireo laha sendra mamono ndaty
hafa tsikinahy re, kanefa mboe tsy fahavalone tagne aloha tagne. Ty lay agne amity raike amireo tana reo ro mete
hahatafavoake velo aze. [43]Bezera tagne antane efetre, tagne amity tane gebo, agne Robenita; Ramota tao Gileada,
agne Gadita; naho Golana tagne Basana, agne Manasita zay.[44]Zay ro lily ze napetra Mosesy teo agnoloa reo
vahoake Irsaely; [45]reo ro fagnenkeam-pilongoa , lalana naho lily hafa ze nataliline tamity vahoake Israely laha fa
niakatre bakao Egypta iereo, [46]laha fa tegne antignana i Jordana iereo, tagne amity baibo nanandrife i Beta-Peora,
tagne amity tane i Sihona, mpanjaka ty Amorita, ze nitoboke tao Hesbona, ty rinese i Mosesy vaho ty vahoake
Israely laha fa niakatre i Egypta iereo.[47]Nalae iereo ho fanagna ty tanene, vaho ty tane i Oga mpanjaka i
Basana__reo ro mpanjaka ty Amorita roe, ze tagne andafe i Jordana niantignana. [48]Nanomboke bakagne Aroera,
teo amoro ty baibo i Arnona, ka zisikagne amity vohitse Siona (na Vohitse Hermona) ze fari-tane zay, [49]naho
tafilitse tao amizay ty gebo ty baibon-driake Jordana iaby, mianignana mbaeo andafe i Jordana, mbaeo amity
Riake Araba, ka zisikagne amity lava-bohitse Pisga.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Le nikaike ty Israely iaby ty Mosesy ka nanao tamiereo hoe:" Ry Israely, dranjigno, reo lalana vaho lily ze ho
rehafeko ao antsofinareo androany, mba hahafahanareo hianatre vaho hiambe zay. [2]Yaveh Zagnaharentika
nanao fifagnenkea tamintika tao Horeba. [3]Tsy nanao ze fifagnenkea zay tamireo razambein-tika Yaveh, fa
tamintika, le tika iaby velo eto androany.[4]Nirehake mivanta taminareo teo amity vohitse bakao agnivo ty afo
Yaveh [5](Nitsanga teo agnivonareo vaho Yaveh raho tamize andro zay, mba hagnombara aminareo ty rehane; fa
natahotre nareo noho ty afo, ka tsy niakatre tao ambohitse nareo). Le hoe Yaveh ty hoe: [6]"Zaho ro Yaveh
Zagnaharenareo, ty ninday anareo hiala tao amity tane Egypta, hiakatre ty tragno fagnandevoza.[7]Tsy hana
zagnahare hafa eo agnoloako nareo. [8]Tsy hanao saren-jaka voasokitre ho anareo nareo na toeran-jaka ze egne
amity lagnitse ambone, na ze etoy amity tane etoy ambane, na ze agnate rano etoy ambane.[9]Ko mihohoke amireo
riha na manompo iereo, fa Izaho, Yaveh Zagnaharenao, le Zagnahare saro-tene. Mamale ty haratia reo razambey
raho amity fagnaliloako reo kolo malineke, zisikamity foko fahatelo vaho fahaefatre ze malay ahy, [10]naho hanoro
tsy fivaliham-pagnenkea kea amireo ndaty agnarivone, amireo ze tea ahy vaho miambe reo liliko.[11]Tsy ho
ampiasaenao amity tsisy antone ty agnara Yaveh Zagnaharenao, fa Yaveh le handray aze ho meloke amity
fampiasa fahatane ty agnarane.[12]Ambeno ty andro sabata mba hagnamasina aze, arake ze nandilia Yaveh
Zagnaharenao anao. [13]fa ene andro ro hiasanao vaho hanaovanao ty rarahanao iaby; [14]fa ty andro fahafito kea le
Sabata ho ahy Yaveh Zagnaharenao. Amizay le tsy hiasa riha__na riha, na ty anadahinao, na ty anak'ampelanao,
na ty mpanompo lahinao, na ty mpanompo vavenao, na ty agnombenao, na ty borikenao, na ty biby hare, na ty
vahiny ze agnate ty vavahadinao. Natao zay mba hitsahara ty mpanomponao lahy vaho ty mpanomponao vave
manahake anao.[15]Le ho tsiaroenao fa mpanompo tagne amity tane Egypta riha, naho Yaveh Zagnaharenao ro
nagnakatre anao tagne tamity alala ty tagna mahere vaho famotora ty sandry. Laha zao ro nandilia Yaveh
Zagnaharenao anao mba hiambe ty andro Sabata.[16]Magnaja ty raenao vaho ty renenao, arake ze nandilia Yaveh
Zagnaharenao hataonao, le ho ela velo agne amity tane ze namea Yaveh Zagnaharenao ho anao riha, ka le
hahasambatre anao anie zay.[17]Ko mamono ndaty. [18]ko mitsangatsanga. [19]Ko mangalatre. [20]ko manao vavolombelo
diso amity mpiara-belo aminao.[21]ko magniry ty valy ty mpirai-belo aminareo, ko magniry ty tragno ty mpiara-
belo aminareo, ty baibone, na ty mpanompo lahine, na ty mpanompo vavene, ty agnombene, na ty borikene, na
iaby ze ahy ty mpiara-belo aminareo.'[22]Reo rehake reo ro nambara Yaveh tamity feo abo tamity fiangonanareo
iaby tegne amity vohitse bakao agnivo ty afo, ty raho, naho ty iem-pito; le tsy nagnisy rehake fagnampene sase re.
Sinorane tamity vato pisake roe zay ka natolone ahy.[23]Le niseho zao, laha fa naharey ty feo bakao agnivo ty ieke
nareo, laha mboe nirehetre ty vohitse, le niharine ahy nareo__reo olobey nareo iaby vaho reo mpitarike ty
fokonareo. [24]Hoe nareo hoe:" Ingo, Yaveh Zagnaharentika le fa nanoro tamintika ty hasine vaho ty habeine, naho
le fa reintika ty feone bakeo agnivo ty afo; hisantika androany fa laha fa mirehake amity ndaty Yaveh, le afake ty
ho velo iereo.[25]Fa nagnino tikau ro tokone ho mate? Satria handrava antika ze afo bey zay; fa laha tsy midranjy ty
feo Yaveh Zagnaharentika sase tika, le ho mate. [26]Fa ia ankoatre antika ro eo amity nofo iaby ze le fa naharey ty
feo ty Zagnahare velo nirehake bakeo agnivo ty afo ka velo, manahake ze le fa nataontika? [27]Laha ty aminareo, le
tokone hindeha vaho hidranjy iaby ze ambara Yaveh Zagnaharentika nareo, hegnere aminay iaby ze safa Yaveh
Zagnaharentika aminareo; hidranjy vaho hagnenke zay zahay.'[28]Rey Yaveh ty rehanareo laha nirehake tamiko
nareo. Hoe Re tamiko hoe:' Le fa reiko ty reha reo vahoake reo, le ze nirehafene taminao. Soa ze nambara iereo.
[29]Hehe, laha mba misy arofo vatane iereo, le hagnaja ahy vaho hiambe zisikagne ty liliko iaby, le hahasoa iereo
vaho reo fokone zisikezay zay! [30]Ndao atlilio amiereo hoe:" Miheregna agne antragnonareo."[31]Fa laha ty
aminao,mitsangana eto agnoloako, le hotalilieko aminao ty lily iaby, ty lalana, vaho reo fotsipeke ze
hampianarenao iereo, mba hiambena iereo zay agne amity tane ze hameako iereo ho fanagna.'[32]Hambenanao,
laha zao, ze nandilia Yaveh Zagnaharenao anao; mba tsy hivio ho amity ankavane na ho amity ankavia riha.
[33]Hindeha amity lala iaby ze nandilia Yaveh Zagnaharenao anao riha, mba ho velo riha, ka hahasoa anao zay,
naho mba hahalava ty andro ivelognanao agne amity tane ze ho fanagnanao.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

[1]Amizao le toa iaby reo baiko, reo lily, naho reo lalana ze nandilia Yaveh Zagnaharenao ahy mba hampianare
anao, ka mba hahafahanao miambe reo agne amity tane ze hombanao tandrife Jordana ze ho fanagnanao; [2]mba
hahafahanao magnomea hasy Yaveh Zagnaharenao, amity fiambena reo lalana vaho ty lily iaby ze nandiliako
anao__riha, reo ananao, naho reo zafenao, amity andro iaby hivelognanao, mba hitombo ty andro hivelognanao.
[3]Laha zao dranjigno reo, ry Israely, naho ambeno reo, mba hahasoa anao zay, mba hitomboanao mafe, agne
amity tane feno-ronono vaho tantele, arake ze le fa nampagnantegna Yaveh, ty Zagnahare ty razambeinao
taminao hatao.[4]Dranjigno, ry Israely: Yaveh Zagnaharentika le raike. [5]Hotea Yaveh Zagnaharenao amity arofonao
iaby riha, amity fagnahinao iaby, naho amity herenao iaby.[6]Reo rahake ze handiliako anao androany le ho ao
amity arofonao; [7]naho hagnanatre soa reo amity ananao riha; hirehake momba reo riha laha fa mitoboke ao
antragnonao, laha fa mindeha egne andala, laha fa miroro, naho laha fa mifoha.[8]Hamehe reo riha mba ho
famantara eo amity tagnanao, naho atao manahake ty fehen-kandry eo agnivo ty masonao reo. [9]Hanoratre zay eo
amity tolam-baravara ty tragnonao vaho ty vavahadinao riha.[10]Laha fa minday anao agne amity tane ze
nampagnantegna Yaveh Zagnaharenao tamireo razambeinao, Abrahama, Isaka, vaho Jakoba, fa hameane anao
riha, miarake amity tana bey vaho tena soa ze tsy namboarenao, [11]vaho tragno maro feno karazan-jaka soa ze tsy
nataonao, famorian-drano ze tsy nihalienao, naho tanem-boaloboke vaho hetaen'oliva ze tsy nambolenao, hihina
riha ka ho entsake__[12]naho miambena riha mba tsy hagnaligno Yaveh, ze ninday anao hiala tao amity tane
Egypta, hiakatre ty tragno fagnandevoa.[13]Hagnomea hasy Yaveh Zagnaharenao riha; re ro ho tompoenao, naho
hifanta amity agnarane riha. [14]Tsy hanompo zagnahare hafa riha, reo zagnahare ty ndaty ze magnodidy anao
iaby__[15]satria Yaveh Zagnaharenao ty eo agnivonao le Zagnahare saro-tene__fa laha manao zay riha, le hirehetre
aminao ty helo Yaveh Zagnaharenao, naho handrava anao amity tane iaby re.[16]Tsy hitsapa Yaveh Zagnaharenao
manahake ty nitsapanao aze tagne Masaha riha. [17]Riha le hiambe soa reo baiko Yaveh Zagnaharenao, reo liline,
vaho reo lalane, ze nandiliane anao.[18]Hanao ze mare vaho soa eo amaso Yaveh riha, mba hahasoa anao zay, naho
mba hahafahanao militre vaho mana ty tane soa ze le fa nifanta Yaveh tamireo razanao, [19]mba hagnafaha reo
fahavalonao iaby tsy ho eo agnoloanao, arake ty le fa safagne Yaveh.[20]Laha fa magnotane anao ty ananao lahy
amity andro hoavy, manova hoe:' Ino aby reo lalana ty fagnenkea, reo fotsipike, naho reo lalana hafa ze nandilia
Yaveh Zagnaharentika anao?' [21]le hirehake ty ananao lahy riha hoe:' Ndevo Farao tagne Egypta tika; ninday
antika niala ty tagne Egypta tamity tagna mahere Re, [22]naho nanoro famantara vaho fahagaga, bey vaho mafe
vatane, tamy Egypta, tamy Farao, naho tamity tragnone iaby, teo amasontika Re; [23]naho ninday antika hilitse ao,
mba hagnomea antika ty tane ze le fa nampagnantegnane reo razantika.[24]Yaveh le nandily antika zisikagne mba
hiambe reo lily iaby, mba hatahotre Yaveh Zagnaharentika hahasoa antika, mab hahavelo antika zisikagne,
manahake antika amizao. [25]Laha miambe reo lily iaby reo eo agnoloa Yaveh Zagnaharentika tika, arake ze
nandiliane antika, le hamaregnantika zay.'

Chapter 71Laha fa niente Yaveh Zagnaharenao tagne amity tane ze ho fanagnanao riha, le handroake firene maro hiala eo agnoloanao Re__reo Hetita, reo Girgasita, reo Amorita, reo Kananita, reo Perizita, reo Hivita, naho reo Jebosita__firene bey fito vaho mahere vatane noho riha.

[2]Zay le Yaveh Zagnaharenao ze manolotre iereo ho anao laha fa maharese iereo riha, naho tsy maintsy mamoteke vatane iereo riha. Tsy hanao fifagnenkea amiereo riha, naho tsy hanoro fandefera amiereo. [3]Na kea hikarakara fanambalia amiereo riha. Tsy hagnomea ty anakampelanao ho ahy ty anaiereo lahy riha, naho tsy hangalake ty anakampela iereo ho ahy ty anadahinao riha.[4]Satria iereo le hamio lala ty ananao ty amity fagnoriha ahy, mba hahafaha iereo manompo zagnahare hafa. Laha zao le hirehetre aminareo ty helo Yaveh, naho handrava anareo malaky re. [5]Zao ro tokone hifagnarahanao amiereo: hamoteke ty alitara iereo nareo, hamoteke ty tsangam-bato iereo nareo, hanampake ty baon'Aseraha iereo,naho hagnoro reo sampe voasoky iereo.[6]Satria riha le firene ze voatoka ho ahy Yaveh Zagnaharenao. Le nifily anao mba ho vahoakene, mihoatre noho reo vahoake hafa iaby era zao tontolo zao Re.[7]Tsy nametrake ty fiteane teo aminareo na nifily anareo noho ty hamaroa isanareo noho ty vahoake hafa Yaveh__satria nareo ro tsiampe vatane tamireo vahoake iaby__[8]fa satria tea anareo, naho nagniry ty hita ty fifanta ze nampagnategnane tamireo razanareo Re. Zay ro nahavy Yaveh ninday anareo niakatre tamity tana mahere naho nagnafake anareo tao amity tragno fagnandevoa, teo antagna Farao, mpanjaka Egypta.[9]Laha zao le haizo fa Yaveh Zagnaharenao__Re ro Zagnahare, ty Zagnahare matoky, ze mita reo fagnenkea vaho fatokia ho ahy ty foko agnarivone miarake amireo ze tea aze vaho miambe reo liline, [10]fa sazio egne amity tarehene reo ze malay aze, mba hanimba iereo; tsy handefetre amireo ze malay Aze re; hamale aze eo agnoloane re. [11]Laha zao riha le hiambe reo baiko, reo lalana, naho reo lily ze nililieko hataonao androany, ka hanao reo riha.[12]Laha midranjy reo lily riha, naho miambe vaho manao zaay, le hiambe ty fagnenkea vaho ty fatokia ze nampagnategnane tamity razanao Yaveh Zagnaharenao. [13]Hitea anareo Re, hitahy anareo, naho hampitombo isake anareo; hitahy ty voka ty vatanareo vaho ty vokatre ty tanenareo, ty varenareo, ty divay vaovaonareo, vaho ty menanareo, ty fitombo reo biby harenareo vaho reo anak'agnondry aman'osenareo, ao amity tane ze nampagnantegnane tamireo razanareo fa homeane anareo.[14]Ho voatahy kea noho reo ndaty hafa iaby riha; tsy hisy lahilahy tsihiterake na ampela tsihiterake eo aminareo na eo amity biby harenareo. [15]Hangnafake ty arete iaby aminao Yaveh; tsy hataone mahazo anao reo areten-draty Egypta hainao, fa hataone amireo iaby ze malay anao zay.[16]Handrava ty vondro ty ndaty iaby ze hagnomea Yaveh Zagnaharenao faharesea anao riha, naho tsy hiferenay iereo ty masonao. Tsy hanompo ty zagnahare iereo riha, satria ho fandrike hoanao zay.[17]Laha mirehake ao amponao riha hoe:" Maro agnisa noho zaho reo firene reo; nagnino ro handreseako reo?"__[18]ko matahotre iereo; hahatiaro ze natao Yaveh Zagnaharenao tamy Farao vaho Egypta iaby riha; [19]reo fijalea bey ze hisa ty masonao, reo famantara, reo fahagaga, ty tagna mahere, vaho sandry mitsotre ze nindaisa Yaveh anao niakatre. Yaveh Zagnaharenao le hanao hoe zay kea amireo vahoake iaby ze hatahoranao.[20]Fagnampe zay, Yaveh Zagnaharenao le handefa ty fanenetre eo amiereo, mandra-pirava reo sisa tavela vaho ze magnaja ty vatane aminao amity fagnatrehanao. [21]Tsy hatahotre iereo riha, satria Yaveh Zagnaharenao le aminao eo, Zagnahare bey vaho hatahora. [22]Yaveh Zagnaharenao le handroake tsikelekele reo firene agnoloanao eo. Tsy haharese aze iaby ndraike miarake riha, fa asa ne hihamaro reo bibin'ala hihodidy anao.[23]Fa Yavhe Zagnaharenao le hagnomea faharesea hoanao amiereo laha fa hialy amiereo riha; hampikoronta iereo Re zisike ty hirava iereo. [24]Hataone eo ambane fahefanao reo mpanjaka iereo, ka haharava ty agnara iereo amity ambane lagnitse riha. Tsy hisy afake hitsanga magnoloa anao, zisike ty handravanao iereo.[25]Hagnoro reo sare soky reo zagnahare iereo nareo__ko magniry ty volafoty na ty volamena ze manaro iereo ka mangala zay ho ahy ty vatanareo, satria laha manao zay nareo, le ho voafandry zay__satria fagnaratia Yaveh Zagnaharenareo zay. [26]Tsy hinday faharatia ao antragnonao riha ka hanomboke hanompo zay. Halay zay vatane riha, satria le fa voatoka ho ahy ty harava zay.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 8

[1]Ao ho tane nareo reo lily iaby ze ameko anareo androany, mba ho velo vaho hihamaro nareo, naho hindeha ka
hahazo ty tane ze nifanta Yaveh tamireo razambeinareo. [2]Ao ho tiaronao ty lily iaby ze nitariha Yaveh
Zagnaharenao anao tamity efapolo tao tagne agnefetre, mba hampitsignane anao, mba hitsapane anao hahaia ze
ao amponao, laha hita reo liline riha na tsy hita.[3]Nampitsy anao Re, vaho nampanao anao, naho namoky mana
anao, ze tsy hainao naho tsy hay reo razanao. Nataone zay mba hahaianao fa tsy ty mofo avao ro hivelogna ty
ndaty; fa kea, ty zaka iaby ze aboake ty vava Yaveh le ivelogna ty ndaty.[4]Tsy rovitre naho tsy niala taminao ty
akanjonao, naho tsy nivonto ty tombonao tamirey efapolo tao rey. [5]Ao riha hihevetre ao amponao, ty fomba
fifehea ty ndaty ty anane, le manahake zay ro fifehea Yaveh Zagnaharenao anao. [6]Hotananao reo lily Yaveh
Zagnaharenao, mba hindehananao amity lalane vaho hagnajanao aze.[7]Fa Yaveh Zagnaharenao le minday anao
amity tane soa, tanem-baibon-driake, loharano, mily bakamireo baibo naho egne agnivo ty tazoa; [8]tanem-barem-
bazaha vaho vare hordea, voaloboke, hetaen'aviavy, naho ampongabein-dagnitse; tanen'oliva vaho tantele.[9]Tane
ze hihinananao hane tsy lany lanie, naho ze hindehananao tsy hisy zaka-maha ore; tane ze misy vy ty vatone,
naho bakao amity tazoa ro hihalianao varahy. [10]Hihina riha naho ho voky, naho hisaotre Yaveh Zagnaharenao
riha noho ty tane soa ze le fa nomeane anao.[11]Ambeno mba tsy hagnaligno Yaveh Zagnaharenao riha, naho tsy
hanao tsinontsino reo liline, reo fotsipine, naho reo lalane ze handiliako anao androany, [12]laha tsy zay, laha fa
mihina riha naho voky, naho laha fa magnore tragno soa tarehe naho mitoboke ao amizay, le hirehareha ty
arofonao.[13]Ambeno laha fa mihamaro ty agnombenao vaho ty agnodry aman'ose naho mitombo ty volafoty vaho
ty varahinao, [14]le hirehareha ty arofonao naho halignonao ty Yaveh Zagnaharenao, ze ninday anao niakatre
bakao amity tane Egypta, bakao amity tragno fagnandevoza.[15]Ko magnaligno Aze ty nitarike anao tagne amity
tane efetre bey vaho mampatahotre, miarake amity menara misy poizy vaho mengoke naho tane maike ty tsy
nisy tano, te nagnakatre rano ho anao bakao amity vatolampy afovato. [16]Namoky mana anao tagne agnefetre Re
ze tsy mba hay reo razambeinao, mba hahafahane mampitsy anao vaho mitsapa anao, mba hagnasoa anao amity
farane, [17]fa riha mete hirehake ao amponao hoe:' Ty hereko vaho ty here ty tagnako ro nahazoako toa harea iaby
toa.'[18]Fa ao hahatiaro Yaveh Zagnaharenao riha, satria Re ro nagnomea anao ty here hahazoanao harea; mba
hagnoregnane ty fagnenkeane ze nifantane tamireo razanao, manahake ze androany zao. [19]Naho laha hagnaligno
Yaveh Zagnaharenao riha naho hagnorike zagnahare-hafa, hanompo iereo, naho hihohoke amiereo, le mitsanga
vavolombelo aminareo raho androany fa ho mate vatane nareo. [20]Manahake reo firene ze natao Yaveh rava teo
agnoloa nareo, le ho hoe zay ro handrava anareo, satria tsy midranjy ty feo Yaveh Zagnaharenareo nareo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 91Midranjigna, ry Israely; le fa hitsake Jordana riha androany, mba hindeha hangalake reo firene bey
vaho mahere noho ty vatanao, vaho ho amireo tana ze bey misy manda manakatre ty lagnitse,

[2]le vahoake foloay vaho lava, reo anadahy Enakita, ze hainao, naho ze le fa nahareizanao ty ndaty nanao hoe:' Ia
ro afake hitsanga magnoloa reo anadahy Anaka?'[3]Haio naho amizao fa Yaveh Zagnaharenao ro mialoha lala anao
manahake ty afo mandrava; handrava iereo Re, naho handrese iereo eo agnoloanao; ka handroake aze riha naho
ho vonoe malaky iereo, arake ze le fa nirehafe Yaveh taminao.[4]Ko mirehafa ty ao amponao, laha fa vaoaroake
Yaveh Zagnaharenao tsy ho eo agnoloanao iereo hoe:' Noho ty fahitiako ro nindaisa Yaveh ahy ho tompo ty tane
toy,' satria noho ty haratiam-pagnahy reo firene reo ro nahavy Yaveh handroake aze tsy ho eo agnoloanao.[5]Tsy
noho ty fahitianao na ty fahitiam-ponao ro hahavy anao ho tompo ty tane iereo, fa noho ty haratiam-pagnahy reo
firene reo ro mahavy ty Zagnaharenao handroake iereo tsy ho eo agnoloanao, naho mba hahafahane mandefe ty
fahitia ty rehake ze nifantane tamireo razambeinao, le tamy Abrahama, Isaka naho Jakoba.[6]Ka ao ho hainao, fa
tsy noho ty fahitianao ro hagnomea Yaveh Zagnaharenao io tane soa ao ho lasanao, fa ndaty mafe loha riha.
[7]Tiarovo naho ko halignove ty nipaianao ty helo Yaveh Zagnaharenao tagne agnefetre; zisikamity andro nialanao
ty tane Egypta ka zisikamity nihavianareo teto amity toera toy, le niraike nandietse Yaveh zisikagne nareo. [8]Tagne
Horeba avao kea le nipay ty helo Yaveh nareo, naho tena meloke taminareo Yaveh ka fa ho nandrava anareo.
[9]Laha fa niakatre ho agne ambohitse raho mba handrae reo vato pisake, le reo vato pisake ty fagnenkea ze natao
Yaveh niarake taminao, nitoboke tagne ambohitse zisike ty efapolo andro vaho efapolo hale raho; tsy nihina mofo
na ninon-drano raho. [10]Namea Yaveh ahy reo vato pisake roe sinora ty tagnane; voasoratre teo amireo ty zaka
iaby arake ty rehake iaby ze natalily Yaveh anareo tagne ambohitse teo agnivo ty afo tamity andro ty havoria.
[11]Naho laha fa tampetre ty efapolo andro vaho efapolo hale le namea Yaveh ahy reo vato pisake roe, le reo vato
pisake ty fagnenkea. [12]Hoe Yaveh tamiko ty hoe:' Mitsangana, mizotroa malaky bakeo, fa reo vahoakenao, ze
nientenao bakagne Egypta, le fa nanimba ty vatagniereo. Nalaky nivio tamity lily nandiliako aze iereo. Iereo le
nagnamboatre saren-jaka anidina ho ahy iereo.'[13]Hafa zay, nirehake tamiko Yaveh naho nanao hoe:' Le fa hisako
toa vahoake toa; vahoake mafe loha iereo. [14]Engao arere raho, mba hahafahako mandrava iereo vaho mamafa ty
agnarane tsy ho eo ambane ty lagnitse, naho hataoko ho firene mahere vaho bey noho iereo riha.'[15]Laha zao le
nihodike raho naho nizotro egne ambohitse, naho le nirehetre ty vohitse. Tetoy antagnako reo vato pisake roe ty
fagnenkea. [16]Nanente raho, naho ingo, nanonta tamy Yaveh Zagnaharenareo nareo. Namisavisa anak'agnombe ho
anareo nareo. Nalaky nivio tamity lala ze nandilia Yaveh anareo nareo.[17]Nalaeko reo vato pisake roe naho
nariako tsy ho antagnako eo reo. Vinakiko teo amasonareo zay. [18]Nihohoke efapolo andro vaho efapolo hale teo
agnoloa Yaveh ndraike raho; tsy nihina mofo raho na ninon-drano, noho ty amireo hadisoanareo iaby ze
nataonareo, tamity nagnanovanareo ze raty teo amaso Yaveh, mba hanaira ty helone.[19]Fa natahotre ty heloke
vaho ty fireheta ty tsy fiteava zay tena nahameloke Yaveh taminareo ke fa ho nandrava anareo raho. Fa
nindranjy ahy avao kea Yaveh tamize andro zay. [20]Vignitse vatane tamy Arona Yaveh ka fe ho nandrava aze;
tamio le nivavake ho ahy Arona avao kea raho.[21]Nalaeko ty hadisoanareo, ty anakagnombe ze namboarenareo, ka
noroako zay, finofoko, naho tinorotoroko ho tena kele, mandra-pahaviane ho kele manahake ty deboke. Nariako
tagne amity renerano ze mily bakagne ambohitse ty debone.[22]Tagne Tabera, tagne Masa, naho tagne Kibrota-
hatava ro nipaianareo ty helo Yaveh. [23]Laha fa nandefa anareo hiala tao Kadesi-Barnea Yaveh naho nanao hoe:'
Mindehana miakatre naho alao ho fanagna ty tane ze nameako anareo,' le niraike nandietse ty lily Yaveh
Zagnaharenareo nareo, naho tsy nino na nidranjy ty feone. [24]Niraike nandietse Yaveh nareo zisikamity andro
nahaiako anareo.[25]Naho nihohoke efapolo andro vaho efapolo hale teo agnoloa Yaveh raho, satria Re nirehake fa
handrava anareo. [26]Nivavake tamy Yaveh raho naho nanao ty hoe::" Ry Yaveh Tompo, ko ravae reo vahoakenao
na reo mpandovanao ty navotanao tamity habeinao, zay nientenao niakatre bakagne Egypta tamity tagna
mahere.[27]Tiarovo Abrahama, Isaka, naho Jakoba mpanomponao; kp manente ty hamafean-doha ty vahoake toy,
na ty haratiam-pagnahy, na reo hadisoane, [28]fa tsy ne ty tane ze nindesanao anay hanao ty hoe:" Satria Yaveh tsy
afake ninday iereo tane amity tane ze nampagnantegnane iereo, naho satria nalay iereo re, ro nindaisane iereo
niakatre mba hamonoa iereo agne agnefetre." [29]Kanefa vahoakenao vaho lovanao reo, ty nientenao niakatre
tamity herenao bey vaho tamity asa ty herenao.'

## Chapter 10

[1]Hoe Yaveh tamiko tamize andro zay hoe:' Magnamboara vato pisake roe manahake ty tamboalohane, le miakara
amiko atoy atoy ambohitse, naho manaova tomabile vita amity hetae. [2]Hosoratako ao agnate reo vato pisake reo
rehake ze tao agnate reo vato pisake tamboalohane ty pinotenao, ka hatobonao ao agnate ty tomabile reo.'[3]Ka
nagnamboatre tomabile tamity hetae akasia raho, naho nagnamboatre vato pisake roe manahake ty
tamboalohane raho, le niakatre tegne ambohitse raho, niakatre tamireo vato pisake roe tegne antagnako.
[4]Sinorane tamireo vato pisake, manahake ty asa soratre tamboalohane, ty lily folo ze nirehafe Yaveh taminareo
tagne ambohitse teo agnivo ty afo tamity andro ty havoria; le namea Yaveh ahy reo.[5]Le nihodike raho naho
nizotro ty vohitse, ka nanao reo vato pisake tao agnate ty tomabile ze namboareko; le tao iereo, arake ty nandilia
Yaveh ahy.''[6](Nindeha niala tao Berota Bene-Jakana hoagne Mosera ty vahoake Israely. Tao ro nimate Arona, naho
tao re ro naleve; Eleazara, anadahine, ro lasa mpisoro nisolo ty toerane. [7]Nimbaeo Godgoda iereo laha fa niala
tao, naho bakao Godgoda nimbaeo Jotdata, tane raike bey rano.[8]Tamize andro zay Yaveh nifily ty foko Levy mba
hinday ty tomabile ty fagnenkea Yaveh, hitsanga eo agnoloa Yaveh mba hanompo Aze, vaho hitso-drano ty ndaty
amity agnarane, manahake ty amizao. [9]Laha zao ro tsy hanagna Levy anjara na lova amity tane miarake amireo
rahalahine; fa Yaveh ro lovane, arake ze nirehafe Yaveh Zagnaharenao tamine.)[10]Nitoboke tao ambohitse
manahake ty tamity voalohane raho, efapolo andro vaho efapolo hale. Nidranjy ahy avao kea Yaveh tamize andro
zay; tsy nagniry ty handrava anao Yaveh. [11]Hoe Yaveh tamiko hoe:' Miaregna, mindehana eo aloha ty vahoake
hitarike iereo amity liane. Le hilitse iereo naho hangalake ty tane ze le fa nifantako tamireo razambeine fa hamea
iereo.'[12]Ka amizao, ry Israely, ino vao ro angatahe Yaveh Zagnaharenao aminao, laha-tsy ty tahotse Yaveh
Zagnaharenao, ty hindehana amity lalane iaby, ty hiteava aze, naho ty hanompoa Yaveh Zagnaharenao amity
arofonao iaby vaho amity fagnahinao iaby, [13]ty fiambena reo lily Yaveh, vaho reo lalane, ze handiliako anao
androany mba ho soa ho anao arere?[14]Ingo, Yaveh Zagnaharenao ro tompo ty lagnitse vaho ty lagnitse ty lagnitse,
ty tane, vaho iaby ze amireo ao. [15]Yaveh arere avao ro nitea reo razanao noho ty hateane iereo, naho nifily anareo
Re, riha fokone, tafara iereo, mihoatre noho reo ndaty hafa, manahake ty ataone zisikandroany.[16]Ka savaro ty
arofonareo, naho mimetea tsy ho mafe hatoke sase. [17]Fa Yaveh Zagnaharenao, ro Zagnahare reo zagnahare naho
Tompo reo tompo, ty Zagnahare bey, ty mahere vaho mampitahotre, ty iaze tsy magnente tarehegn'ondaty naho
tsy mandrambe vandevande.[18]Magnomea rarene ty bode vaho ty mananin-tegna Re, naho manoro hatea ty
vahiny amity alala ty fagnomea sakafo vaho akanjo ho aze Re. [19]Teavo ty vahiny noho zay; satria nareo le fa
vahiny tagne amity tane Egypta.[20]Yaveh Zagnaharenao ro hatahoranao; Re ro ho tompoenao. Amine riha ro tsy
maintsy hipiteke; naho amity agnarane ro hifantanao. [21]Re ro fiantsanao, naho Re ro Zagnaharenao, ze le fa
nanao reo zaka-bey vaho reo zaka mampitahotre ho anao, ze le fa hisa ty masonao.[22]Fitompolo ndaty reo razanao
ro nizotro tagne Egypta; fa amizao le fa natao Yaveh Zagnaharenao ho maro isake manahake ty kinta egne amity
lagnitse riha.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 11

[1]Laha zao le ao hotea Yaveh Zagnaharenareo nareo naho hiambe zisikagne reo fagnanarane, ty lalane, ty
fotsipine, naho reo liline.[2]Ambeno fa tsy mirehake amireo ananareo Raho, ze tsy nahay kea na nahisake ty
fagnaliloa Yaveh Zagnaharenareo, ty habeine, ty tagnane mahere, na ty tagnane mahity, [3]reo famantara vaho asa
ze nataone tagne agnivo Egypta tamy Farao, mpanjaka Egypta, naho tamireo tanene iaby.[4]Na nahisake ty nataone
tamity tafike Egypta, tamireo soavaline, na tamity kalese iereo, ty fomba nagnanoane ty Riake Mena hampikifotre
iereo laha nagnia anareo iereo, naho ty fomba nandrava Yaveh iereo zisikandroany, [5]na ze nataone ho anareo
tagne agnefetre mandram-pahavianareo tamity toera toy.[6]Tsy hisa iereo ze natao Yaveh tamy Datana vaho
Abirama, reo ana i Eliaba anadahy Robena, ty fomba nanokafane tagne ty vavane naho nitele iereo, ty foko iereo,
ty tragno iereo, naho ty zaka-manam-piay iaby nagnorike iereo, teo agnivo Israely iaby. [7]Fa ty masonareo ro le fa
nahisake reo asa bey Yaveh iaby ze nataone.[8]Laha zao ambeno reo lily iaby ze handiliako anareo androany, mba
hahavy anareo homafe, ka hilitse vaho hangalake ty tane ze hisanareo mba ho fanagna, [9]naho mba ho lava andro
nareo agne amity tane ze nifanta Yaveh tamireo razanareo fa hamea iereo vaho ty foko iereo, ty tane feno ronono
vaho tantele.[10]Fa ty tane, ze hiliranareo mba hahazoa zay, le tsy manahake ty tane Egypta, ty niboahanareo, ze
namendrahanareo ty voanareo vaho nanondrahanareo rano zay tamity tombonareo, manahake ty baibo
magnitse maintso; [11]fa ty tane, ze hombanao mba ho fanagna, le tanen-tazoa vaho baibo, naho minoma rano
bakamity ranon'oran-dagnitse, [12]ty tane ze maike Yaveh Zagnaharenareo; ty maso Yaveh Zagnaharenareo,
zisikamity fiatomboha ty tao ka zisikamity faran-tao.[13]Zay le hiseho, laha hidranjy soa reo liliko ze handiliako
anareo androany nareo, le ty hotea Yaveh Zagnaharenareo vaho hanompo Aze amity arofonareo vaho ty
fagnahinareo iaby, [14]mba hagnomeako ranon'ora amity tanenareo amity fotoane, le ty voalohan'ora vaho ty
faran'ora, mba hahafahanareo mamory ty varenareo, ty divainareo vaovao, naho ty diloilonareo. [15]Hagnisy akata
amity tanenareo Raho ho ahy reo biby harenareo, naho hihina nareo ka ho voky.[16]Ambeno ty vatanareo mba tsy
ho voafitake ty arofonareo, ka hivio vaho hanompo zagnahare-hafa vaho hihohoke amiereo nareo; [17]mba tsy
hirehetre aminareo ty helo Yaveh; naho mba tsy hampikato ty lagnitse Re mba tsy hisia ty ranon'ora, naho ty tane
tsy hamoa ty voane, naho mba tsy haharava anareo malaky amity tane soa ze namea Yaveh anareo.[18]Laha zao
tano ao ampo vaho fagnahinareo reo rehako reo, feheo ho famantara eo amity tagnanareo zay, naho engao zay
ho feheloha eo agnivo reo masonao. [19]Hampianarenareo reo ananareo zay naho mirehafa momba iereo laha fa
mitoboke ao antragno nareo, laha fa mindeha egne andala, laha fa miroro, na laha fa mifoha nareo.[20]Ho
soratanareo eo amity tolam-baravara ty tragnonareo vaho eo amity vavahady ty tana nareo zay, [21]mba hihamaro
ty andronareo vaho ty andro reo ananareo agne amity tane ze nifanta Yaveh tamireo razambeinareo amea iereo
laha mboe ambone ty tane kea ty lagnitse.[22]Fa laha miambe soa ty lily iaby ze handiliako anareo nareo, ka manao
zay, hotea Yaveh Zagnaharenareo, hindeha amity lalane iaby, naho hipiteke Amine, [23]le handroake reo firene iaby
reo hiala eo agnoloa nareo Yaveh, naho nareo le handroake firene bey vaho mahere noho nareo.[24]Ze toera lia ty
tombonareo le ho anareo; zisikagne agnefetre ka hatragne Libanona, zisikagne amity renerano, ty renerano
Eofrata, ka zisikagne amity riake ahandrefa le ho faritanenareo. [25]Tsy hisy ndaty hahafitsanga eo agnoloa nareo.
Yaveh Zagnaharenareo ro hanao ty tahotre anareo vaho ty horohoro anareo amity tane iaby ze liaenareo, arake
ze le fa nirehafene taminareo.[26]Ingo, atoboko eo agnoloanareo androany ty fitahia vaho ty ozo: [27]ty fitahia, laha
magnenke ty lily Yaveh Zagnaharenareo ze handiliako anareo androany nareo, [28]naho ty ozo, laha tsy magnenke
ty lily Yaveh Zagnaharenareo nareo, fa hivio amity lala ze handiliako anareo androany, ka hagnorike zagnahare
hafa ze tsy mboe hainareo.[29]Zay le hiseho, laha fa hinday anareo agne amity tane ze hombanareo mba ho fanagna
Yaveh Zagnaharenareo, le hametrake ty fitahia agne ambohitse Gerizima nareo, naho ty ozo agne ambohitse
Ebala. [30]Tsy agne andafe Jordana vao reo, ahandrefa ty lala ahandrefa, agne amity tane ty Kananita ze mitoboke
agne Araba, tandrife Gilgala, agnila ty hetae terebinta More?[31]Satria hitsake Jordana nareo hilitse hangalake ty
tane ze amea Yaveh Zagnaharenareo anareo, naho ho fanagnanareo zay ka hitoboke ao nareo. [32]Ho ambenanareo
ty lily aman-dala iaby ze apetrako eo agnoloanareo androany.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 12

1Toa ty lily aman-dala ze ho ambenanao ao amity tane ze namea Yaveh, Zagnahare ty razanao, ho fanagnanao,
amity andro iaby hivelognanao eto antane. 2Ho ravaenao vatane ty toera iaby ze nanompoa reo firene ze ho
roahenao reo zagnaharene, ty egne amity vohitse abo, egne amity tazoa, naho egne ambane hetae mavana, ze
halaenao.3Ao halavonao ty alitara iereo, ho torotoroe reo tsangam-batone, naho ho roa reo baon'Aserahane. 4Ao
ho tampatampahenao ty sare sokitre reo zagnaharene naho haravanao hiala amize toera zay ty agnara iereo. Ao
tsy hanompo Yaveh Zagnaharenao manahake zay riha.5Fa ao amity toera ze ho filie Yaveh Zagnaharenao eo
amireo fokonao mba hametraha ty Agnarane, le zay ro ho toera hitobohane, naho agne ro hombanao. 6Agne ro
hindaisanao ty fagnatetre oroa, ty soronao, ty ampahafolon-karea nao, naho reo raketre hatolotre ty tagnanao,
naho ty voaloham-pitera ty agnombe vaho ty agnondry aman'ose.7Agne ro hihinananao eo agnoloa Yaveh
Zagnaharenao vaho hifaleanao amity zaka-iaby ze nametrahanao ty tagnanao, agne amize nitahia Yaveh
Zagnaharenao anao.8Ao tsy hanao reo zaka iaby ze ataonay amizao riha; fa amizao le manao ze mare iaby eo
amasone avao ty ndaty iaby; 9satria tsy mboe niavy teo amity fitofa, eo amity lova ze namea Yaveh Zagnaharenao
anao riha.10Te laha fa mitsake Jordana riha ka mitoboke ao amity tane ze hampandovae Yaveh anao, naho laha fa
magnomea anao fitofa amity fahavalonao iaby magnodidy Re, mba hivelognanao ampilamina, 11le ho amity toera
ze ho filie Yaveh Zagnaharenao mba hahavelo ty Agnarane, agne riha ro hinday iaby ze handiliako anao: le ty
fagnatetre oroa, ty soro, ty ampahafolon-karea, naho ty raketre aloto ty tagnanao, vaho reo rake-boady iaby ze
filienao hovoady amy Yaveh.12Hifalefale eo agnoloa Yaveh Zagnaharenao riha__riha, ty anadahinao, ty
anak'ampelanao, ty mpanompo lahinao, ty mpanompo vavenao naho reo Levita ze ao amity vavahadinao, satria
tsy mana anjara na lova eo aminao re.13Ambeno soa ty vatanao mba tsy hanolotre ty fagnatetre oroanao egne
amity toera iaby ze hisanao; 14fa eo amity toera ze ho filie Yaveh eo amity raike amity fokonao ro hanoloranao ty
fagnatetre oroanao, naho agne ro hombanao mba hanao iaby ze handiliako anao.15Kanefa, afake mamono na
mihina biby ao agnate ty vavahadinao iaby riha, arake ze teanao, amity fangala ty fitahia Yaveh Zagnaharenao
noho iaby ze nameane anao; sambe afake mihina amizay ty ndaty maloto vaho ty ndaty malio, le ty biby
manahake ty gazela vaho ty diera. 16Fa ao tsy hihina ty lio riha; hararanao amity tane manahake ty rano zay.17Tsy
mahazo mihina amity ampahafolo ty voanao, ty divay vaovaonao, ty diloilonao, na ty voaloham-pitera ty
agnombe na ty agnondry aman'osenao ao agnate ty vavahadinao riha; naho tsy mahazo mihina amity hena
nataonao soro miarake amize mete ho voady ataonao, na reo fagnate-tsitramponao, na ty fagnatetre ze atolo ty
tagnanao riha.18Fa kea, hohanenao eo agnoloa Yaveh Zagnaharenao ao amity toera ze finily Yaveh
Zagnaharenao zay__riha, ty anadahinao, ty anak'ampelanao, ty mpanompo nao lahy, ty mpanompo vavenao,
naho ty Levita ze ao amity vavahadinao; hifalefale eo agnoloa Yaveh Zagnaharenao ty amity zaka iaby ze
nametrahanao ty tagnanao riha. 19Ambeno soa ty vatanao mba tsy hahafoe ty Levita laha mboe miay eo amity
tanenao kea riha.20Laha fa magnabey ty sisin-tanenao Yaveh Zagnaharenao, arake ze nampagnantegnane anao,
ka nirehake riha hoe:' Hihina nofotse raho,' noho ty fagnirianao hihinan-kena, le afake mihinan-kena riha, arake
ze irie ty fagnahinao.21Laha lavitse anao loatre ty toera ze finily Yaveh Zagnaharenao hametraha ty agnarane, le
ao riha hamono ty ilane amity agnombe vaho ty agnondry aman'osenao ze namea Yaveh anao, arake ze
nandiliako anao; afake mihina ao amity vavahadinao riha, arake ze irie ty fagnahinao. 22Manahake ty hihinana ty
gazela vaho ty diera, le hoe zay ro hihinananao amizay; afake mihinan-kena amizay hoe zay ty ndaty maloto
vaho malio.23Ambeno avao mba tsy hihina ty lio riha, fa fiay ty lio;naho ao tsy hihina ty fiay miarake amity hena
riha. 24Tsy hihina izay riha; ailigno eo amity tane manahake ty rano zay. 25Tsy hihina zay riha, mba ho soa ty
aminao, vaho ty foko afaranao, laha fa manao ze mare eo amaso Yaveh riha.26Fa reo zaka ze ahy Yaveh ze
hanagnanao vaho reo rake-boadinao__ao riha hangalake zay ka hindeha agne amity toera ze filie Yaveh. 27Agne ro
hanoloranao ty fagnatetre oroa, le ty hena vaho ty lio, eoamity alitara Yaveh Zagnaharenao; haily eo amity alitara
Yaveh Zagnaharenao ty lio ty soronao, naho hohanenao ty nofo zay.28Ambeno naho dranjigno ty rehake iaby ze
handiliako anao, mba ho soa ty aminao vaho ty foko afara nao zisikezay, laha fa manao ze soa vaho mare eo
amaso Yaveh Zagnaharenao riha.29Laha fa mandrava reo firene tsy ho eo agnoloanao Yaveh Zagnaharenao, laha
fa mindeha mba hangalake zay amiereo riha, ka azonao zay, naho mitoboke ao amity tane iereo riha, 30le ambeno
ty vatanao mba tsy ho voafandrike hagnorike iereo, laha fa voarava hiala eo agnoloanao iereo__ho voafandrike
hanente ty zagnahare iereo, hagnontane hoe:' Manao akor ty fanompoa reo firene reo ty zagnaharene? Mba
hanao manahake zay kea raho.'31Ao riha tsy hanompo Yaveh Zagnaharenao heo zay, fa haratia eo amy Yaveh zay,
le zaka hejene__nanao zay tamireo zagnaharene iereo; naho nagnoro ty ana iereo lahy vaho vave tamity afo ho
ahy ty zagnahare iereo vatane aza. 32Na ino ino handiliako anao, le ambeno zay. Ko magnampe na magnafake
amizay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 13

[1]Laha misy mpaminane na mpagnonofy miseho eo aminareo, ka manao famantara na hatsereha, [2]naho laha
miseho ty famantara na ty hatsereha, ty rehafene aminareo ka manao hoe:' Andao tika hagnorike zagnahare
hafa, ty tsy mboe hainareo, naho andao hotompoentika iereo,' [3]le ko midranjy ty reha ze mpaminane zay, na ze
mpagnonofy zay; satria Yaveh Zagnaharenareo le mitsapa anareo laha tea Yaveh Zagnaharenareo amity
arofonareo iaby vaho amity fagnahinareo iaby nareo.[4]Magnori-dia Yaveh Zagnaharenareo nareo, hagnomea hasy
Aze, hiambe reo liline, vaho hagnenke ty rehane, naho hiaro aze vaho hipiteke amine. [5]Ho vonoe ze mpaminane
na mpagnonofy zay, satria re le nandietse Yaveh Zagnaharenareo, ze ninday anareo niakatre bakao amity tane
Egypta, vaho nagnafake anareo tagne amity tane fagnandevoza. Mipay hitao anareo ambaly ty lala ze nandilia
Yaveh Zagnaharenareo mba hindehana nareo ze mpaminane zay. Ka afaho tsy ho eo aminareo ty raty.[6]Raeso hoe
ty rahalahinao, ty ana ty renenareo, na ty anadahinareo, na ty anak'ampela nareo, na ty valy fihinenareo, na ty
namanareo ze teanareo manahake ty vatanareo, ro hitao moramora anareo naho hanao ty hoe:' Ao tika hindeha
naho hanompo reo zagnahare hafa ze tsy mboe hainareo, na nareo na reo razambeinareo__[7]le reo zagnahare ty
ndaty ze magnodidy anareo, agnilanareo, na lavitse anareo, bakamizao tontolo iaby zao.'[8]Ko meke na midranjy
aze. Tsy tokone hana fandefera amine avao kea ty masonareo, na hiferegnay aze na hagnetake aze. [9]Fa kea,
tokone ho vonoenareo vatane re, ty tagnanareo ro ho voalohane hamono aze, naho bakeo ty tagna ty vahoake
iaby.[10]Hitora-bato hamono aze nareo, satria re nikaroke hitao anareo hihalavitse Yaveh Zagnaharenareo, ty
ninday anareo hiala tao amity tane Egypta, hiala ao amity tane fagnandevoza. [11]Haharey vaho hatahotre ty
Israely iaby, ka tsy hanohy hanao ze karan-karatia zay eo aminareo sase.[12]Laha maharey ndaty mirehake momba
ty raike amireo tana nareo, ze namea Yaveh Zagnaharenareo mba hitoboha nareo: [13]fa nisy mpirai-belo raty
fagnahy ilane niala teo aminareo naho nietrake reo vahoake teo amity tana iereo hoe:' Andao tika hanompo
zagnahare hafa ze mboe tsy hainareo.' [14]Le handineke ty porofo, hanao dineke, naho hikaroke laleke zay nareo.'
Laha fa hisanareo fa mare zay naho azo antoke fa natao teo aminareo ty zaka raty manahake zay, le hihetseke
nareo.[15]Azo antoke fa hanafike reo vahoake ao amize tana zay amity lela-meso nareo, hamoteke vatane zay vaho
ty ndaty iaby ao amine, miarake amireo biby hare, amity alala ty lela-meso. [16]Hamory reo enta iaby azo amizay
ho eo agnivo ty lala nareo naho horoa ty tana, vaho reo enta azo iaby__ho ahy Yaveh Zagnaharenareo. HO tana
taloha zisikezay ty tana, ka tsy hatsanga sase zay.[17]Tsy tokone hipiteke eo antagna nareo reo zaka ze natoka ho
ravae. Zay ro tsy maintsy atao, mba hotampetre amity helone Yaveh, hanoro fandefera aminareo, vaho
hiferegnay anareo, naho hanombo isake anareo, arake ty nifantane tamireo razambeinareo. [18]Hanao zay Re
satria nareo midranjy ty feo Yaveh Zagnaharenareo, mba hiambena reo liline iaby ze handiliako anareo
androany, vaho mba hagnanoa ze mare eo amaso Yaveh Zagnaharenareo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 14

[1]Nareo ro vahoake Yaveh Zagnaharenareo. Ko midineke ty vatanareo, na mamere ty faritre ty tarehenareo ho ahy
ty mate. [2]Fa nareo le firene ze voatoka ho ahy Yaveh Zagnaharenareo, naho Yaveh nifily anareo ho vahoake ho
fanagnane arere, mihoatre reo vahoake iaby ze eo ambone ty tane.[3]ko mihina zaka-rati-raty na ino ino. [4]Toa ro
biby azonareo hohane: ty agnombe, agnondry, naho ty ose, [5]ty serfa, ty gazela, ty kapreola, ty osen'ala, ty pygarga,
vaho ty antilopa, naho ty ropikapra.[6]Azonareo hohane ty biby iaby ze mivaky kitro, zay le, ze mana kitro mizara
roe, naho ze mandineke. [7]Na le zay aza, ko mihina reo biby ilane ze mandineke na ze mana kitro mizara reo
nareo: ty rameva, ty bitro, naho ty hyrake; satria mandineke reo nefa tsy mivaky kitro, maloto aminareo reo.[8]Ty
lambo kea le maloto aminareo satria mivaky kitro re nefa tsy mandineke; maloto aminareo re. Ko mihina henan-
dambo, naho ko mikasike ty toko reo.[9]Amireo zaka ze ao agnate rano le azonareo hane: iaby ze vombone vaho ty
kirane; [10]nefa iaby ze tsy misy vombone vaho kirane le ko hanenareo; maloto aminareo reo.[11]Reo voro malio iaby
le azonareo hane. [12]Nefa toa ro biby tsy azonareo hane: ty voromahere, ty voltora, tygypa, [13]ty tsimalaho mena
vaho ty tsimalaho mainte, laha atao voromahere iaby.[14]Ko mihina ty karan-koake iaby, [15]vaho ty ostritsa, vaho ty
tararaka, ty vorondriake, ze karazan-tararake iaby, [16]ty voron-dolo kele, ty voron-dolo bey, ty voron-dolo foty, [17]ty
sama, ty voltora kele, ty vano.[18]ko mihina ty vanobey, vaho ty karaza vano iaby, ty takidara, naho ty ramanavy.
[19]Ty zaka managn'elatre, vaho milaly iaby le maloto aminareo; tsy tokona hohane reo. [20]Azonareo hane reo zaka
milaly malio iaby.[21]Ko mihina zaka ze mate ho aze, azonareo amea ty vahiny ze ao amity tana nao; mba
hahafahane mihina zay; na azonareo avily amity vahiny zay. Fa nareo le firene ze voatoka ho ahy Yaveh
Zagnaharenareo. Ko mampandeve anan'ose amity rononon'drenene.[22]Aloavo ty ampahafolo ty vokatre ty voanao
iaby, ze miakatre bakao amity baibo isan-tao isan-tao. [23]Mihinana eo agnoloa Yaveh Zagnaharenareo, ao amity
toera ze hofilie ho fitoboha ty masy, ty ampahafolo ty varenao, ty divainao vaovao, vaho ty menanao, naho ty
voaloham-pitera ty agnombenao vaho ty agnondry aman'ose; mba hahafahanao mianatre hanompo ela Yaveh
Zagnaharenao.[24]Laha lava loatre aminareo ty lia naho tsy zakanareo zay, satria lavitre loatre anao ty toera ze
hofilie Yaveh Zagnaharenao ho fitoboha ty masy, le, laha fa mitahy anao Yaveh ty Zagnahare, [25]hagnova ty
fagnatetre ho lova riha, hamehe ty vola egne antagnanao, naho hindeha agne amity toera ze finily Yaveh
Zagnaharenao.[26]Ao ro handanianao ty vola amy iaby ze irienao: amity agnombe, na amity agnondry, na amity
divay, na amity zaka-finome mahere, na amy iaby ze irienao; le agne riha ro hihina eo agnoloa Yaveh
Zagnaharenao, naho hifale riha, riha vaho ty fokonao. [27]Ty Levita ze ao agnate reo vavahadinao__ko mahafoe aze,
fa tsy mana anjara na lova aminao re.[28]Amity fara ty isake telo tao le hanolotre ty ampahafolo ty vokanao iaby
amize tao zay riha, naho hitahiry zay ao agnate ty vavahadinao riha; [29]naho ty Levita, satria re tsy mana anjara
na lova aminao, vaho ty vahiny, vaho ty bode, naho ty mpivem-bata ze ao agnate ty vavahadinao, le hoavy vaho
hihina naho ho entsake. Anovo zay mba hahafaha Yaveh Zagnaharenao mitahy anao amity asa ty tagnanao iaby
ze ataonao.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 15

[1]Amity fara ty isam-pito tao, le manaova fagnafoagna trosa riha. [2]Zay ro fomba ty fagnafaha: Ty mapin-trosa iaby
ze nampindra le tokone hamoe ze nampindramene amity mpirai-belo amine; tsy hangatake zay amireo mpirai-
belo amine re na ty rahalahine satria ty fagnafoagna Yaveh ty trosa le fa natalily. [3]Vahiny raike ro azonao
hangatahe zay; fa na ino ino anao eo antagna ty rahalahinao le tokone hafoenao.[4]Ka, tsy tokone hisy ndaty
mahantra eo aminao (fa Yaveh le hitahy anao agne amity tane ze ameane anao manahake ty lova ho
fanagnanao), [5]laha ohatre ka midranjy soa ty feo Yaveh Zagnaharenao riha, ka miambe reo lily iaby ze handiliako
anao zao. [6]Fa Yaveh Zagnaharenao hitahy anao, arake ze nampagnantegnane anao; naho hampitsepake amity
firene maro riha, fa tsy hindra, handily amity firene maro riha, fa iereo kea tsy handily anao.[7]Laha misy lahilahy
mahantra aminao eo, raike amireo rahalahinao, ze ao amity vavahadinao iaby eo amity tane ze namea Yaveh
Zagnaharenao anao, ko magnamafe ty arofonao na magnily ty tagnanao amity rahalahinao mahantra; [8]fa sokafo
soa amine ty tagnanao naho ampindramo ze paiene re.[9]Miambena mba tsy hana sain-draty ao am-po, manao ty
hoe:" Ty tao fahafito, ty tao ty fagnafaha, le fa marine, mba tsy hatity eo amaso reo rahalahinao riha naho tsy
hagnomea iereo na ino ino; naho hitaray amy Yaveh momba anao re, ka hadisoa ho anao zay. [10]Tsy maintsy
homeanao re, naho tsy tokone hanegne ty arofonao laha fa magnomea aze riha, satria ty vale zay le hitahy anao
amity asanao iaby vaho iaby ze atao ty tagnanao Yaveh Zagnaharenao.[11]Satria ty mahantra le tsy hidrano hisy eto
amity tane; laha zao ro handiliako anao vaho hirehafako hoe:' Sokafo soa amity rahalahinao ty tagnanao, ho ahy
ze mipay ty fagnampeanao, naho amireo mahantranao ao amity tanenao.'[12]Laha avily aminao vaho manompo
anao zisike ty enen-tao ty rahalahinao, lahilahy Hebreo, na ampela Hebreo, le tsy maintsy hagnenga aze malalake
riha amity tao fahafito. [13]Laha fa enganao hindeha malalake aminao eo re, le ko enga hindeha tagnam-polo.
[14]Vatsio agnondry aman'ose, ty famoloa ty varenao, vaho ty fameaham-boalobonao amim-pahaia re. Arake ze le fa
nitahia Yaveh Zagnaharenao anao, tsy maintsy hameanao re.[15]Tiarovo fa ndevo tagne amity tane Egypta nareo,
naho io Yaveh Zagnaharenareo o ro nagnavotre anareo; laha zao mandily anareo raho amizao hanao zay.
[16]Hiseho zay laha fa mirehake anareo re hoe;' Tsy hiala aminareo eo raho.' Satria re teanareo vaho ty
tragnonareo, naho satria re le soa aminareo, [17]Naho alao ty haolo ka teveho amity sofine eo ambaravara, le ho
mpanomponareo zisikezay re. Tsy maintsy ataonareo zay kea ty mpanompo vavenareo[18]Tsy tokone ho sarotre
aminareo ty handefa aze malalake aminareo, satria le fa nagnampo anareo zisike ty enen-tao re naho nagnomea
abo roe ty vili ty ndaty karamae. Yaveh Zagnaharenareo le hitahy anareo amy iaby ze ataonareo.[19]Ty lahy iaby
amity voaloham-piterake ty agnombenareo vaho ty agnondry aman'ose iaby le tsy maintsy hatokanareo ho ahy
Yaveh Zagnaharenareo. Tsy hanao asa miarake amity voaloham-piterake ty agnombenareo nareo, na hagnitsike
ty voaloham-piterake ty agnondrinareo. [20]Hano eo agnoloa Yaveh Zagnaharenareo isan-tao ty voaloham-piterake
eo amity toera ze ho filie Yaveh, anareo vaho ty fokonareo. [21]Laha misy havoa zay__ohatre, laha mandrava ty Goa,
na ino ino havoa hafa__ko atao soro ho ahy Yaveh Zagnaharenareo zay.[22]Hihina zay ao amireo vavahadinareo
nareo; reo ndaty maloto vaho ty ndaty malio le tsy maintsy mihina zay, manahake ty hihinananareo gazela na
diera. [23]Fa kea tsy tokone mihina ty lio zay nareo; fa ailigno eo amity tane manahake ty rano ty lio.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 16

[1]Ambeno ty vola Abiba, naho ambeno ho ahy Yaveh Zagnaharenareo ty Pasake, satria tamity vola Abiba ro
nagnakara Yaveh Zagnaharenareo anareo tao Egypta zisike ty hale. [2]Zisike ty Pasake le hataonareo soro ho ahy
Yaveh Zagnaharenareo ty ilane amireo agnondry aman'ose naho ty agnombe ao amity toera ze ho filie Yaveh ho
fitoboha ty mase.[3]Hanenareo miarake amity mofo tsy misy masirasira zay; hafitoa ro hihinananareo mofo tsy
misy masirasira miarake amizay, ty mofom-pijalea; satria tampoke ro niakaranareo tao Egypta. Anovo zay zisike
ty androm-piaignanareo mba hahatiarovanareo ty andro niakaranareo tao amity tane Egypta. [4]Zisike ty fito
andro le tsy tokone hahisaha lalevay eo amity faritre iaby misy anareo; na hahisaha raike amireo hena ze natao
soro ty haleke ho tahirie zisike-maray.[5]Zisike ty Paska le tsy hanao soro biby ao agnate ty vavahady ty tana nareo
ze namea Yaveh Zagnaharenareo ho anareo nareo. [6]Fa kea, manaova soro egne amity toera ze ho filie Yaveh
Zagnaharenareo ho fitoboha ty masy. Eo ro hanaovanareo soro ho ahy ty Pasake ty haleke milen-kandro, amity
andro raike agnate ty tao ze niakaranareo tao Egypta.[7]Atono zay naho hano egne amity toera ze ho filie Yaveh
Zagnaharenareo; ty maray nareo le hitolike naho hihere ao amireo tragnonareo. [8]Hihina mofo tsy misy
masirasira nareo zisike ty enen-gnandro; amity andro fahafito le hisy havoria maresake ho ahy Yaveh
Zagnaharenareo; amio andro o le tsy mahazo miasa nareo.[9]Le magnisaha fito heregnandro; manomboke amity
andro hihaza nareo voalohane ty vare amity meso fihaza ro hagnisaha nareo reo heregnandro fito. [10]Tano ho ahy
Yaveh Zagnaharenareo ty heregnandro fifalea miarake amity fandrambesa anjara amity fagnate-tsitrapo bakegne
antagnanareo ze homeanareo, arake ty nitahia Yaveh Zagnaharenareo anareo.[11]Hifale eo agnatreha Yaveh
Zagnaharenareo nareo__nareo, ty anadahinareo, ty anak'ampelanreo, ty mpanompo lahinareo, ty mpanompo
vavenareo, ty Levita ze ao amity vavahady ty tana nareo, vaho reo mpivahiny, reo bode rae, naho ty mpivem-
bata eo aminareo, eo amity toera ze ho filie Yaveh Zagnaharenareo ho fitoboha ty masy. [12]Ho tiaronareo fa ndevo
tagne Egypta nareo; ambeno naho anovo reo llily reo.[13]Ambeno ty fete ty fialofa zisike ty fito andro afara ty
famoria nareo ty vokatre bakamity famoloa vaho ty fagnaliloa. [14]Hifale nareo zisike ty fifalea nareo nareo, ty
anadahinareo, ty anak'ampela nareo, ty mpanompo lahy nareo, ty mpanompo vavenareo, ty Levita, vaho reo
mpivahiny, naho reo bode, vaho ty mpivem-bata ze ao agnate ty vavahadinareo.[15]Zisike ty fito andro nareo le
hiambe ty fifalea ho ahy Yaveh Zagnaharenareo egne amity toera ze ho filie Yaveh, satria Yaveh Zagnaharenareo
le hitahy anareo amity vokatre vaho ty asa ty tagnanareo iaby, naho le hifale vatane nareo.[16]Reo lahilahinareo le
hiseho in-telo isan-tao eo agnoloa Yaveh Zagnaharenareo egne amity toera ze ho filiene: agne amity fifalea ty
Mofo tsy misy masirasira, agne amity heregnandro fifalea, vaho agne amity fete ty Tambere-kele; naho tsy hiseho
tagnam-polo eo agnoloa Yaveh iereo; [17]fa kea, hagnomea arake ze tratrene ty lahilahy iaby, mba hahaianareo ty
fitahia ze le fa namea Yaveh Zagnaharenareo anareo.[18]Manendrea mpitsara vaho manan-kasy ao agnate ty
vavahady ty tana nareo iaby ze amea Yaveh Zagnaharenareo anareo, naho hitsara ty ndaty amity fitsara mare.
[19]Tsy tokone hangalake ankere ty fitsara nareo; tsy tokone manoro fihilagna nareo na kea mandrae vandevande,
satria ty vandevande mahagoa ty maso reo hendre naho mamalike reo reha ty fahitia. [20]Tokone hagnorike ty
fitsara nareo, ty fitsara arere, mba hivelognanareo vaho handovanareo ty tane ze hamea Yaveh Zagnaharenareo
anareo.[21]Ko mananga Aseraha ho ahy ty vatanareo, na kara bao, agnila ty alitara Yaveh Zagnaharenareo ze
hataonareo ho ahy ty vatanareo nareo. [22]Nareo avao kea le tsy tokone hananga vato-masy ho ahy ty vatanareo, ze
heje Yaveh Zagnaharenareo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 17

[1]Ko manao soro agnombe na agnondry ty misy havoa na zaka raty ho ahy Yaveh Zagnaharenareo, satria zay le
zaka-raty amy Yaveh Zagnaharenareo.[2]Naho laha misy aminareo eo, ao amireo vavahady ty tana nareo ze
namean'Agnahare anareo, lahilahy na ampela hisake manao ze raty eo amaso Yaveh Zagnaharenareo naho
mivalike amity fagnenkea, [3]na ia ia nindeha vaho nanompo zagnaharen-kafa naho mihohoke amiereo, na
masoandro, na vola, na ze zaka iaby egne amity lagnitse __ze tsy nandiliako anareo__[4]naho laha talilie ty amizay
nareo, na le fa reinareo zay, le ao nareo hanao hagnontane soa. Laha mare naho azo antoke fa nisy fagnaratia
hoe zay natao tao Israely, le zao ro tokone ataonareo.[5]Ao ho entenareo eo amity vavahady ty tana, ty lahilahy na
ampela, ze nanao zay zaka-raty zay, ao ho torahenareo amity vato ho mate ze ndaty zay. [6]Amity reha ty
vavolombelo roe, na vavolombelo telo, le ao ho vonoe ho nate re; fa amity reha ty vavolombelo raike avao le ao
tsy ho vonoe ho mate re. [7]Tsy maintsy ty tagna reo vavolombelo ro voalohane mamono aze ho mate, naho afara
zay le ty tagna reo vahoake iaby; naho hafahanao tsy ho eo aminareo ty raty.[8]Laha misy raraha miseho ze sarotre
loatre aminareo ty mitsara aze__mete hoe mikasike vono ndaty na fate tsy kinahy, teo amity zo ty ndaty vaho ty
ndaty raike hafa, na karazana fere natao, na kara raraha hafa, raraha mampialy hevetre eo amireo vavahady ty
tana nareo__le ao nareo hiakatre agne amity toera ze ho filie Yaveh Yaveh Zagnaharenareo ho fitoboha ty masy.
[9]Ao nareo hindeha agne amireo mpisoro, reo foko Levy, naho agne amireo mpitsara ze tompon'anjara amize
andro zay; hipay ty heveiereo nareo, naho hamea iereo anareo ty lilim-pitsara.[10]Ao horihenareo ty lily namea
anareo ao amity toera hofilie Yaveh ho fitoboha ty masy. Hiambe hanao ty zaka-iaby ze hanoroa iereo lala
hataonareo nareo. [11]Oriho ty lala ze nampianare iereo anareo, naho anovo arake reo fanam-pahan-kevetre amea
iereo anareo. Ko mivio amize nirehafe iereo nareo, ho agne ankavana na ho agne ankavia.[12]Na ia ia miavognavo,
amity tsy fidranjigna ty mpisoro ze mitsanga hanompo eo agnoloa Yaveh Zagnaharenareo, na amity tsy
fidranjigna ty mpitsara__ze ndaty zay le ho mate ; hagnafake ty raty amy Israely nareo. [13]Ao ty ndaty iaby haharey
naho hatahotre, naho tsy hiavognavo sase.[14]Laha fa avy agne amity tane ze namea Yaveh Zagnaharenareo anareo
nareo, naho laha fa azonareo zay ka mamototse mitoboke ao nareo, le hoe nareo ty hoe:" Hametrake mpanjaka
amiko eo raho, manahake reo firene iaby ze magnodidy ahy,' [15]naho le tsy maintsy hametrake mpanajaka
aminareo eo vatane nareo ze ndaty ho filie Yaveh Zagnaharenareo. Tsy maintsy hametrake mpanjaka aminareo
eo nareo ze ndaty bakamireo rahalahinareo. Tsy afake mametrake vahiny, ze tsy rahalahinareo, aminareo eo
nareo.[16]Kanefa tsy azone atao ty magnamaro soavale ho ahy ty vatane, na hahavy ty vahoake hihere agne Egypta
mba hahafahane magnamaro reo soavale, fa hoe Yaveh taminareo hoe:" Tsy hihere amize lala zay sase nareo.'
[17]Tsy mahazo mangalake valy maro ho ahy ty vatane re, mba tsy himpolia ty arofone agne amity hafa. Tsy
mahazo mamory volafoty vaho volamena bey loatre re.[18]Laha fa mitoboke eo amity sezan-droandria ty fanjakane
re, le tsy maintsy soratene ho ahy ty vatane amity sare-sare ty liline, bakamity lily ty eo agnoloa reo mpisoro, zay
Levita. [19]Tsy maintsy miarake amine ty sare-sare, naho tsy maintsy vakie zay amity andro iaby hifantane, mba
hahafahane mianatre magnaja Yaveh Zagnaharenareo, mba hitanane reo rehake iaby ty lily aman-dala toa, mba
hiambena iereo.[20]Tsy maintsy zay mba tsy hirehareha ty arofone amireo rahalahine, naho mba ty hiviognane
amireo lily, ho agne ankavana na ho agne ankavia; mba hahalava reo androne vaho reo anane ao amity
fanjakane, amy Israely eo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 18

[1]Reo mpisoro, ze Levitika, naho ty foko Levy iaby, le tsy hahazo anjara na lova miarake amy Israely; tsy maintsy
mihina reo fagnatetre Yaveh natao tamity afo hoe ty lovane iereo. [2]Tsy tokone mahazo lova eo amireo rahalahine
re; Yaveh ro lova iereo, arake ty le fa nirehafene tamiereo.[3]Zao ro anjara ty mpisoro bakagne amity vahoake,
vaho bakagne amireo nanao soro na reo agnombe na reo agnondry: tokone hamea iereo ho ahy ty mpisoro ty
sorone, ty fifine roe, vaho reo atene. [4]Reo lohavoy ty varenao, ty divainao vaovao, vaho ty diloilonao, naho ty
volon'agnondrinao voalohane, le tokone homeanao aze zay. [5]Fa Yaveh Zagnaharenareo ro nifily aze teo amity
fokonareo iaby mba hitsanga vaho hanompo amity agnara Yaveh, re vaho ty anadahine zisikezay.[6]Laha misy
Levita raike avy bakamity tana nareo niala ty Israely iaby ty nitobohane, naho magniry amity fagnahine iaby ho
avy amity toera ze ho filie Yaveh, [7]le tsy maintsy manompo amity agnara Yaveh Zagnaharene re mitovy ty natao
reo Levita iaby rahalahine, ze mitsanga ao magnoloa Yaveh. [8]Tokone hana ty anjara fihinana mitovy iereo, hafa
ze azo amity vorotse ty lova ty foko.[9]Laha fa tafilitre ao amity tane ze hamea Yaveh Zagnaharenareo anareo, le ko
mianatre mandineke ty zaka-raty reo firene reo. [10]Tsy tokone hahisaha ndaty mametrake ty anadahine na ty
anakampelane agnate afo aminareo eo, na ia ia mpampiasa sikily, na misikily, mampiasa aoly, na manao aoly,
[11]mpanao vinta, mirehake amity mate, na ze mirehake amireo fagnahy.[12]Fa na ia ia manao reo zaka reo le zaka-
raty amy Yaveh zay; satria noho reo zaka-raty reo ro handroaha Yaveh Zagnaharenareo iereo tsy ho eo
agnoloanareo. [13]Ao tsy hanan-tsiny eo agnoloa Yaveh Zagnaharenareo nareo. [14]Fa reo firene ze halaenareo reo le
midranjy reo mpanao aoly vaho sikily; fa nareo kea, Yaveh Zagnaharenareo le tsy nagnenga anareo nanao zay.
[15]Hanangana mpaminany bakamireo ho anareo Yaveh Zagnaharenareo, raike amireo rahalahinareo, manahake
ahy. Tokona dranjigne nareo re. [16]Zay ro nangatahinareo tamy Yaveh Zagnaharenareo tagne Horeba tamity andro
ty fiangona, manao hoe:' Hindeha tika tsy haharey ty feo Yaveh Zagnaharentika sase, na hahisake ty afo bey toy
sase, tsy ne ho mate tika.'[17]Naho hoe Yaveh tamiko ty hoe:' Soa reo ze nirehafe iereo. [18]Hanangana mpaminane
raike ho ahy iereo Raho ho eo amireo rahalahy iereo, ze manahake anareo. Hataoko ao ambavane reo rehake,
naho ho hataliline iereo ze nandiliako aze iaby. [19]Hiseho zay laha misy ndaty tsy midranjy reo rehako ze rehafene
amity agnarako, ho takeko amine zay.[20]Fa ty mpaminane ze mirehake rehake am-pirehareha amity agnarako, ty
rehake ze tsy nandiliako aze ho rehafene, na ze mirehake amity agnara reo zagnahare hafa, le tsy maintsy ho
mate ze mpaminane zay. [21]Zao ro tokone ho rehafenareo ao amponareo:" Nagnino ro hagnenkeanay talily ze tsy
nirehafe Yaveh?'[22]Hagnenke ty talily ze nirehafe Yaveh nareo laha fa mirehake amity agnara Yaveh ty
mpaminane. Laha tsy miseho na tsy lefe ze zaka zay, laha zao le zaka tsy nirehafe Yaveh zay naho nirehake zay
tamim-pirehareha ty mpaminane.

Chapter 19

[1]Laha fa mandily reo firene Yaveh Zagnaharenareo, reo tane ze amea Yaveh Zagnaharenareo ho anareo, naho
laha fa mangalake ty tane iereo naho mitoboke tao amity tana iereo vaho ty tragno iereo nareo, [2]le mifilia tana
telo ho ahy ty vatanareo eo agnivo ty tanenareo ze namea Yaveh Zagnaharenareo anareo ho fanagna.
[3]Magnamboara lala naho zarao ho telo ty faritane nareo, ty tane ze nenga Yaveh Zagnaharenareo ho lovanareo,
mba hilay agne iaby ze mamono ndaty-hafa.[4]Zao ro lily ho ahy ty ndaty ze mamono olon-kafa naho milay
hitoboke agne: na ia ia mamono tsy kinahy ty mpirai-belo amine, naho tsy nalay aze taloha__[5]manahake ty laha
fa mbaeo agnala miarake amity mpirai-belo amine mba handily hetae, naho manampake ty hetae amity famaky
re, naho miala eo amity tahone ty loha ty famaky ka mahavoa ty mpirai-belo le mate re__le tsy maintsy milay
agne amity raike amireo tana reo naho mitoboke agne ze lahilahy zay.[6]Laha tsy zay le mete ho horihe ty mpamale
lio ty raike ze hagnafake ty fiay, naho ty firehetan-keloke ro haharese, laha bey loatre ty halavira, fofoho re naho
vono re, na le tsy soa ty ho mate aza ze lahilahy zay, satria tsy nalay ty mpirai-belo amine re taloha. [7]Laha zao
mandily anao raho hifily tana telo ho anao.[8]Laha magnabey ty efetane nareo ty Yaveh Zagnaharenareo, arake ty
le fa nifantane tamireo razambeinareo fa hataone, naho ty tane iaby ze nampagnantegnaine fa hamea ty
razambey nareo; [9]laha ambenanareo reo lily iaby reo, ze handiliako anareo androany__reo lily mba hotea Yaveh
Zagnaharenareo vaho hindeha amity lalane zisikagne, le tokone hagnampe tana telo foloay ho ahy ty vatanareo
nareo, hafa reo telo. [10]Anovo zay mba tsy hisy liogn'ondaty tsy manan-tsiny hipoke eo amity tane ze amea Yaveh
Zagnaharenareo ho anareo ho lova, mba tsy ho meloke amity lio nareo.[11]Feie laha misy ndaty malay ty mpiara-
belo amine, magnoma hevetre hamonoa aze, mitsangana handietse aze, naho mamere aze mba ho mate, naho
laha milay agne amity raike amireo tana reo re__[12]le tsy maintsy magnirake vaho mangalake aze hihere bakagne
reo olobey ao amity tanane, naho magnomea aze eo antagna ty mpamale fate, mba ho mate re. [13]Ao ty masonareo
tsy anoro fiferenaigna amine; fa kea, foagno tsy ho eo amy Israely ty vono ndaty tsy manan-tsiny, mba hahasoa
anareo.[14]Ko afaha amity mpiari-belo aminareo ty faman-taran-tane ze napetra iereo andro maro tagne aloha,
amity lova ze ho lovaenareo, agne amity tane ze amea Yaveh Zagnaharenareo ho fanagnanareo.[15]Tsy misy
vavolombelo toka tokone hitsanga hita ndaty raike amity heloke iaby, na amity hadisoa iaby, amity zaka
nanontane iaby; fa amity vava ty vavolombelo roe, na amity vava ty vavolombelo telo, ro hagnamaregna ty zaka
iabey. [16]Laha atao hoe misy vavolombelo tsy mare raike mitsanga mandietse ndaty mba hitsanga vavolombelo
hita aze amity sata-raty.[17]Naho reo lahilahy roe, ze misy tsy fitovian-kevetre, le tsy maintsy mitsanga eo agnoloa
Yaveh, eo agnoloa reo mpisoro vaho mpitsara ze mpanompo tamize andro zay. [18]Reo mpitsara le tokone hanao
ontane laleke; henteo, laha sandoke ty vavolombelo naho laha mitsanga vavolombelo tsy mare amity rahalahine,
[19]le anovo amine ze iriene hatao amity rahalahine; naho hagnafake ty raty eo aminareo nareo.[20]Naho reo ze sisa
tavela le haharey vaho hatahotre, naho tsy hanao zaka-raty hoe zay eo aminareo sase manomboke eo. [21]Tsy
tokone hanoro fandefera ty masonareo; ty fiay ro ho solo ty fiay, maso solo ty maso, nife solo ty nife, tagna solo ty
tagna, tomboke solo ty tomboke.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 20

[1]Laha hiakatre hialy amity fahavalonareo nareo, ka mahisake reo soavale, reo kalese, naho vahoake maro agnisa
noho nareo, le ko matahotre iereo nareo; fa miarake aminareo Yaveh Zagnaharenareo, Re ze ninday anareo
niakatre niala ty tane Egypta.[2]Ka laha fa mba amity aly nareo, le tsy maintsy hamonje ty mpisoro ha hirehake
amity vahoake. [3]Le hirehake amiereo re hoe:" Midranjigna, ry Israely, hialy amity fahavalonareo nareo. Ao tsy ho
rerake ty arofonareo. Ko matahotre na mihovitse. Ko matahotre iereo. [4]Fa Yaveh Zagnaharenareo ro hiarake
hindeha aminareo mba hialy amity fahavalonareo naho mba hamonje anareo.[5]Le tsy maintsy hirehake amy
vahoake reo manan-kasy ka hanao hoe:" Misy lahilahy vao ao ze nanao tragno vao ka mboe tsy tinoka zay? Ao re
hindeha naho hihere agne antragnone, mba tsy ho mate agnaly re ka ho lahilahy hafa ndraike ro hanoka zay.
[6]Misy lahilahy vao nambole tanem-boaloboke ka mboe tsy nahazo ty voka zay? Ao re holy, mba tsy ho mate
agnaly re ka ndaty hafa ndraike ro hahazo ty voka zay. Misy lahilahy vao ao nifamono taminam-pela nefa tsy
mboe nanam-baly aze? Ao re holy mba tsy ho mate agnaly ka ho lahilahy hafa ndraike ro hanambaly aze."[8]Le
mboe hirehake amity vahoake zisikagne reo manan-kasy hanao hoe:" Misy lahilahy vao ao ze matahotre na
rerake am-po? Ao re hindeha naho hihere agne antragnone, mba tsy ho kivy manahake ty arofo kea ty arofo ty
rahalahine." [9]Ka laha fa baka mirehake amy vahoake reo manan-kasy, le tsy maintsy manendre mpifehe hitarike
aze iereo.[10]Laha fa mindeha hanafike tana nareo, le manaova tolom-pilongoa amireo vahoake reo. [11]Laha
magnenke ty tolonareo vaho mamoha ty vavahady ho anareo iereo, le ho lasa andevonareo vaho hanompo
anareo ty ndaty iaby ze hisake ao.[12]Fa laha tsy manao tolom-pilongoa aminareo zay, fa hamaky aly aminareo kea,
le tsy maintsy hataonareo faherano zay, [13]naho laha fa magnomea faharesea anareo Yaveh Zagnaharenareo ka
mametrake iereo eo ambane fehenao, le tsy maintsy vonoenareo ty lahilahy iaby ao amity tana[14]Fa ty ampela kea,
reo kolo malineke, ty biby hare, vaho iaby ze ao amity tane, naho ty harea iaby, le halaenareo ho azo ho anareo
zay. Le hihina ho azo reo fahavalonareo nareo. ze namea Yaveh Zagnaharenareo anareo. [15]Izany ro fomba tsy
maintsy ataonareo amireo tana iaby ze tena lavitre anareo, le reo tana tsy bakamity tana ty firene magnarake
toa.[16]Ao amity tana reo ndaty ze amea Yaveh Zagnaharenareo anareo ho lovae reo, le tsy azonareo asia velo ze
mete ho manam-pofognay.
[18]Anovo zay mba tsy hagnanara iereo anareo hanao reo fomba raty, arake ze natao iereo tamireo zagnaharene.
Laha manao zay nareo, le hanonta amy Yaveh Zagnaharenareo.[19]Laha fa ela ro hanovanareo faherano tana raike,
laha mialy amine nareo mba hahazoa aze, le tsy azonareo tampahe amity famaky reo hetaene. Satria afake
mihina bakamireo nareo, zay ro tsy hahazoanareo mamofoke iereo. Fa ndaty vao ty hetae ao ambaibo ro tokone
hataonareo faherano? [20]Reo hetae ze hainareo fa tsy hetae fihane avao, ro azonareo simbae vaho azera; hagnore
faherano mandietse ty tana ze mialy aminareo nareo, zisike ty hiravane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 211Laha misy ndaty hisake fate ao amity tane ze namea Yaveh Zagnaharenareo ho fanagna, miroro eo
amity baibo, naho tsy hay ze nanafike aze;

[2]le tsy maintsy mindeha miakatre reo olobey nareo vaho reo mpitsaranareo, naho tsy maintsy magnametatre reo
tana ze magnodidy ty ndaty vinono iereo.[3]Naho reo olobey ty tanam-bey ty agnila ty fate i ndaty igne le tsy
maintsy mangalake agnombevave kele bakamity agnombe ao, raike ze tsy mboe nampiasae vatane, naho tsy nisy
joka. [4]Bakeo le tsy maintsy roahe iereo mizotro amity baibo misy rano mindeha ty agnombe vave kele, baibo ze
tsy mboe nasae tamity fangalin'agnombe na nambolea, naho eo amity baibo iereo ro tsy maintsy magnotake ty
vozo ty agnombe vave kele.[5]Reo mpisoro, foko Levy, le tsy maintsy mamonje marine; satria iereo ro finily Yaveh
Zagnaharenao hanompo Aze vaho hitahy ty ndaty amity agnara Yaveh; dranjigno reo tolok'eve iereo, satria ty
reha iereo le ho lilim-pitsara amity fifamalea iaby vaho amity famerea.[6]Reo ndaty ty tana iaby ze agnila ty ndaty
vinono le tsy maintsy manasa ty tagna iereo eo amity agnombe vave kele zay voaotake teo amity baibo ty vozone;
[7]naho tsy maintsy mamale ty zaka-misy iereo ka manao ty hoe:" Ty tagnanay le tsy nampipoke ty lio, naho tsy
nahisake zay ty masonay.[8]Mamotora ty vahoake Israelinao, ze le fa navotenao, ry Yaveh, naho ko atao meloke
amity fampi-pohan-dio ndaty tsy manan-tsiny ty vahoake Israelinao." Le ho enga ty heloke amity fampi-pohan-
dio iereo. [9]Amize fomba zay ro hagnafahanao ty lio tsy manan-tsiny eo agnivonao, laha fa manao ze mare eo
amaso Yaveh riha.[10]Laha fa mindeha miakatre hialy handietse reo fahavalonao riha naho Yaveh Zagnaharenao
magnomea faharesea anao vaho manao iereo ho eo ambane fehenao, naho mita iereo hoazo riha, [11]laha
mahisake ampela soa tarehe eo amiereo riha, naho manam-pagniria amine ka magniry ty hangalake aze ho
valinao, [12]le ho entenao agne antragnonao re; hagnaratre ty lohane re, naho handily ty hohone.[13]Naho hagnafake
ty akanjo ze nanoane tamie azo re ka hijano ao amity tragnonao naho handala ty raene vaho ty renene zisike ty
volane raike. Laha fa baka miroro amine riha naho lasa valine, le ho valinao re. [14]Fa laha tsy mahazo
fagnantrarea amine riha, le hagnenga aze hindeha agne amize iriene homba. Fa tsy azonao atao ty mivarotre azo
ho fahazoam-bola, naho tsy azonao atao ty minday aze manahake ty ndevo, satria le fa nagnafa-baraka aze riha.
[15]Laha mana valy roe ty lahilahy raike naho ty raike le tea fa ty raike hejegne, ka sambe niterake kolo ho aze iaby
reo roe reo__ty valy tea vaho ty valy heje__laha bakamity heje ty anadahy voalohane, [16]amity andro ze
hampandova ty lahilahy ze hanagnane reo anane, le tsy tokone hanao ty ana ty valy tea ho lahy voalohane aloha
ty ana ty valy heje re, ty anake ze lahy voalohane amizao. [17]Ka kea, tsy maintsy magnenke ze lahy voalohane re, le
ty ana ty valy heje, amity alala ty fagnomea aze anjaran-droe amize fanagna iaby; satria io anake eo ro voaloha ty
ozane; ka aze ty hazokene.[18]Laha misy lahilahy raike mana-gnanake mafe-loha vaho mpavande ze tsy mipay ty
feo ty raene na ty feo ty renene, naho zay, na le ahiti iereo aza re, le tsy hidranjy iereo; [19]le tsy maintsy manere
aze vaho minday aze miakatre mbaeo amireo olobey ty tanane vaho agne ambavahady ty tanane ty raene vaho
ty renene.[20]Tsy maintsy mirehake amireo olobey ty tanane iereo hoe:" Ty anagnay toy le mafe loha vaho
mpavande; tsy hagnenke ty feonay re; tea-hane vaho mpinon-toake re." [21]Le tsy maintsy mitora-bato aze ho nate
iaby ty ndaty iaby ty tanane; naho riha le hagnafake ty raty aminao eo. Ty Irsaely iaby le haharey zay ka
hatahotre.[22]Laha nanao hadisoa soa ty mate ty ndaty raike naho vonoe re, ka haraviravinao egne amity hetae, [23]le
tsy azo ajano eo amity hetae zisike ty hale iaby vatane ty fatene. Fa kea, tsy maintsy alevenao amio andro o avao
re; satria na ia ia naraviravy le voaozon'Agnahare. Enkeno ty liline mba tsy handoto ty tane ze namea Yaveh
Zagnaharenao ho lova riha.

Chapter 22

[1]Tsy tokone hiambe ty agnombe reo Israelita namanao riha na ty agnondrine mindeha amity lalan-diso ka
magnaja ty vatanao amireo; tsy maintsy ampolinao amine reo. [2]Laha tsy agnila nao reo Israelita namanao, na
laha tsy mahay aze riha, le tsy maintsy minday ty biby agne antragnonao riha, naho tsy maintsy miarake aminao
zay mandram-pipaiane aze, naho bakeo le tsy maintsy ampolinao agne amine zay.[3]Tokone manao hoe zay amity
ampondrane riha; tokone manao hoe zay amity siky riha; naho tokone manao hoe zay amireo zaka Israelita
namanao robake iaby avao kea riha, ty rarahane ze robake ka hisanao; tsy tokone magnaja ty vatanao riha. [4]Tsy
tokone magnente ty ampondra ty Israelita namanao na ty agnombene mitonta amity lala ka magnaja ty vatanao
amiereo riha; tokone magnampe zay hiare ndraike riha.[5]Tsy tokone hisiky sikin-dahilahy reo ampela, naho tsy
tokone manao sikin'ampela reo lahilahy; fa na ia ia manao reo zaka reo le zaka-raty amy Yaveh Zagnaharenareo
zay.[6]Laha misy akanem-boro miseho eo agnoloanao egne andala, egne amity hetae iaby na egne amity tane,
miarake amity anane na ty atoly eo amine, naho ty renene mitoboke eo amity anane na eo amireo atoly, le tsy
tokone hangalake ty renene miarake amity anane riha. [7]Tokone hagnenga ty renene hindeha riha, fa ty anane le
afake alaenao ho anao. Magnenkea ze baiko zay mba ho hanjare aminao zay, naho mba hahalava ty andronao.
[8]Laha fa magnore tragno vao riha, le asio aro-fane ty tafonao mba tsy hindaisanao lio ao antragnonao laha misy
ndaty mitonta bakeo amizay.[9]Tsy tokone hambole ty tanem-boalonao miarake amity karam-boa roe riha, mba tsy
halae ty toera masy ty vokatre iaby, reo voa ze nafefenao naho ty vokatre ty tanem-boaloboke. [10]ko miasa tane
amity agnombe vaho ampondra miarake riha. [11]Ko misiky lamba vita tamity volon'agnondry vaho rongone
miarake.[12]Magnamboara somotr'aviavy eo amity zorone efatre amity akanjo lava ze anovanao.[13]Laha msy
lahilahy raike mangala-baly, miarake-miroro amine, naho bakeo malay aze, [14]vaho misere aze amity zaka
mahamegnatre naho manao raty laza aze, vaho manao ty hoe:' Nangalake ze ampela zay raho, fa laha fa namonje
marine aze raho, le tsy nahisake porofo amity maha-verijiny aze.'[15]Le tsy maintsy mangalake porofo amity maha-
verijiny aze ho ahy reo olobey ao amity vavahady ty tana ty rae vaho ty rene ty ampela.[16]Ty rae ty ampela le tsy
maintsy mirehake amireo olobay hoe:' Nagnomea ty anako vave ho valy ze lahilahy zay raho, ka nalay aze re.
[17]Ingo, nanere aze tamity zaka-mahamegnatre re, naho nanao ty hoe:" Tsy hisako tao amit ananareo vave ty
porofo maha-verijiny aze."Kanefa toy ty porofo amity maha-verijiny ty anak'ampelako.' Bakeo iereo le hamelatre
ty sikine eo agnoloa reo olobey ty tana.[18]Tokone hangalake io lahilahy io reo olobey ty tana naho hagnasazy aze,
[19]naho tokone hampagnavake aze sekela volafoty zato iereo, naho hagnomea zay ho ahy ty rae ty ampela, satria
nanao raty laza tamity verijine Israely raike ty lahilahy. Tsy maintsy ho valine re; naho tsy afake ty hisarake
amine re zisike agne.[20]Fa laha mare ze zaka zay, fa ty porofo maha-verijine le tsy hisake tao amity ampela, [21]le tsy
maintsy hinday ty ampela agne amity varavara ty tragno ty rae iereo, naho reo lahilahy agne amity tana le tsy
maintsy hitora-bato aze ho mate, satria nanao zaka raty tagne Israely re, tamity fagnanoa fihetseke hoe ty ampela
janga tao antragnon-draene; naho hagnafake ty raty eo aminareo nareo.[22]Laha misy lahilahy tratre niarake-
niroro tamity ampela raike ze manambaly lahilahy raike hafa, le tsy maintsy ho mate iereo roe, ty lahilahy ze
niarake-niroro tamity ampela vaho ty ampela vatan; le hagnafake ty raty eo aminao riha.[23]Laha misy ampela
verijine raike, mifanambaly amity lahilahy raike, naho lahilahy raike hafa mahatratre aze ao amity tana ka
miarake-miroro amine, [24]le alao ho agne amity vavahady ty tana iereo roe, ka toraho vato ho mate. Tsy maintsy
mitorake ty ampela riha, satria tsy nitagny re, na le tao amity tana aza. Tsy maintsy mitorake ty lahilahy riha,
satria nandika ty valy ty mpirai-belo amine re; naho hagnafake ty raty aminao eo riha.[25]Fa laha tratren-
dralahilahy egne ambaibo ty ampela le fa valign'ondaty, ka laha tanane re naho miarake miroro amine, le ty
lahilahy ze miarake miroro amine avao ro tsy maintsy ho mate. [26]Fa ty ampela tsy hanoanao na ino ino; tsy misy
heloke soa amity mate ao amity ampela ao. Fa ze zaka zay le hoe ty lahilahy raike manafike ty mpiara-mone
amine vaho mamono aze. [27]Fa hisane tagne ambaibo re; nikorake mafe ty ampela valign'ondaty, kanefa tsy nisy
ndaty namonje aze.[28]Laha misy lahilahy mahatratre ampela verijine raike nefa mboe valign'ondaty, naho laha
tanane vaho miarake-miroro amine re, ka laha tratre iereo, [29]le tsy maintsy amity magnomea sekele volafoty
dimampolo amity rae ty ampela ty lahilahy niarake-niroro tamine, naho tsy maintsy lasa valine ty ampela, satria
nagnafa-baraka aze re. Tsy tokone hisarake amine re zisike ty andro iaby.[30]Tsy tokone mangalake ty valin-draene
ho aze arere ty lahilahy raike; tsy tokone mangalake ty zo ty fanambalia ty raene re.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 23

1 Tsy misy lahilahy nafere tamity fagnafaha na fandilia ty filahiane afake hilitre ao amity fiangona Yaveh. 2 Tsy
misy kolo sare afake ho isa ty fiangona Yaveh; ka zisikagne amity foko afara fahafolo, tsy hisy ho agnate ty
fikambana Yaveh iereo. 3 Ty Amonita vaho Moabita le tsy ho agnate ty fiangona Yaveh; ka zisikagne amity foko
afara fahafolo, tsy hisy ho agnate ty fiangona Yaveh iereo. 4 Zay le satria tsy nanalaka anareo tamity mofo vaho
rano tegne amity lala niboahanareo bakagne Egypta iereo, naho satria nagnarama i Balama anadahy Beora
bakagne Petora agne Arama Naharaima handiera anao iereo, mba hagnozo anao. 5 Fa Yaveh Zagnaharenao le tsy
hidranjy Balama; fa kea, navaly Yaveh ho fitahia ho anao ty ozo, satria tea Yaveh Zagnaharenao riha. 6 Tsy tokone
hipay ty fiadagna na fagnambina iereo vatane riha, zisike ty androm-piaignanao iaby. 7 Tsy tokone halay Edomita
riha, satria rahalahinao re; tsy tokone halay Egyptiana riha, satria vahiny tagne amity tanene riha. 8 Reo foko
bakamity foko fahatelo ze natera iereo le mete ho agnate ty fiangona Yaveh. 9 Laha mindeha manahake ty tafike
mandietse reo fahavalonao riha, le tokone hiambe ty vatanao amity zaka raty iaby. 10 Laha misy lahilahy tsy malio
naho ze niseho tamity hale aminao eo, le tokone hiakatre ao amity tobe ty tafike re; tsy mahazo mihere ao amity
tobe sase re. 11 Laha fa avy ty hariva, le tokone hanasa ty vatane amity rano re; laha fa mitsofotre ty andro, le
hihere ao amity tobe re. 12 Tokone hana toera agne ambaly ty tobe avao kea riha ze hindehananao; 13 naho hana
zaka ao amity zaka-fiasanao riha mba hangalia; laha fa mitilintily manao maloto riha, le tokone hangaly amizay
naho bakeo magnere ty tane ka mandembeke ze niakatre bakao aminao. 14 Satria Yaveh Zagnaharenao le mindeha
egne agnivo ty tobenao mba hagnomea faharesea ho anao vaho hatolotre reo fahavalonao aminao. Laha zao le
tokone ho masy ty tobenao. mba tsy hahitane zaka tsy malio aminao eo ka hivalike aminao. 15 Ty ndevo ze nilay
bakagne amity tompone le tsy tokone hihere agne amine. 16 Engao re hitoboke hiarake aminao, na aia aia tana
filiene. Ko ampijale re. 17 Tsy tokone hisy mpitsangatsanga amity fanompoan-tsampe eo amireo anak'ampela
Israely, na kea hisy mpitsangatsanga amity fanompoan-tsampe eo amireo anadahy Israely. 18 Reo karama ty
mpivaro-bata na karaman'amboa le tsy tokone entenao militre ao antragno Yaveh Zagnaharenao mba handefea
voady; satria sambe zaka-raty amy Yaveh Zagnaharenareo reo. 19 Tsy tokone hangalake tombone amireo Israelita
namanao riha laha fa mampindra__tombone amity vola, tombone amity sakafo, tombone amity na ino ino
nampindrame hangala tombone. 20 Mete hampindra hangala tombone riha amity vahiny; fa amireo Israelita
namanao le tsy tokone hampindra hangala tombone riha, mba hitahia Yaveh anao iaby ze hametrahanao tagna,
ao amity tane ze ho lasa fanagnanao. 21 Laha fa manao voady amy Yaveh Zagnaharenao riha, le tsy tokone halisa
amity fandefea zay, satria azo antoke fa ho take Yaveh Zagnaharenao aminao zay; ho hadisoa ho anao ty tsy
fandefeanao zay. 22 Fa laha hita arofo riha amity fanova voady, le tsy ho hadisoa ho anao zay. 23 Ty rehake ze nakare
ty vavanao le ambeno naho anovo; arake ze voady nataonao tamy Yaveh Zagnaharenao, na ino ino
nampagnantegnanao maimaimpoa tamity vavanao. 24 Laha fa mabeo amity tanem-boaloboke ty mpiara-belo
aminao riha, le mete hihina voaloboke maro arake ze paienao, fa ko magnisy ao agnate haronao. 25 Laha fa
mindeha mbaeo amity tanembare ty mpiara-belo aminao riha, le mete hahazo salohim-bare amity tagnanao, fa
ko asia meso fihaza ty salohim-bare ty mpiara-belo aminao.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 24

[1]Laha misy lahilahy mangala valy ka manambaly aze, naho laha tsy mahisake saotre eo amasone ty ampela satria
nahisake zaka tsy mete tamine re, le tsy maintsy manoratre taratasy fagnamaregna fisaraham-panambalia amine
re, atoboho eo antagnane zay naho roaho ao antragnone re. [2]Laha fa hiala tao amity tragnone re, le afake
mindeha vaho ho valy ty lahilahy hafa.[3]Laha malay aze ty valine faharoe ka hanoratre taratasy fahamarea
fisaraham-panambalia, le atoboho eo antagnane zay, naho roaho ao antragnone re; na laha mate ty valine
faharoe, ty lahilahy ze nangalake aze ho valy__[4]le afake tsy mangalake valy aze sase ty valine taloha, ty voalohane
nandroake aze, laha fa voaloto re; satria ho haratia amy Yaveh zay. Ko manao ze mahavy ty tane ho meloke riha,
le ty tane ze namea Yaveh Zagnaharenao ho lova.[5]Laha misy lahilahy vaho nangala-baly, le tsy tokone hindeha
agnaly miarake amity tafike re, na baikoe hindeha hanao asa antseresere; ho afake hitoboke ao antragnone zisike
ty heren-tao naho hampifale ty valine ze nakarene re.[6]Tsy misy lahilahy mangalake fikosoham-bare na ty vatone
ho antoke, satria zay le mangalake ty fiaign'ondaty ho antoke.[7]Laha misy lahilahy tratre mangalake ankerene ty
raike amireo rahalahine ze eo amity vahoake Israely, vaho manao aze hanahake ty ndevo naho hivarotre aze, le
tsy maintsy ho mate ze mpangalatre zay; naho hagnafake ty raty aminao eo riha.[8]Miambena amity arete-
mandany ty haboka, mba hahafahanao magnara-maso soa vaho magnorike ty toro-hevetre iaby ze namea anareo
vaho ze nagnanara reo mpisoro, reo Levita anareo; arake ty nandiliako iereo, ka horihenareo. [9]Tiarovo ty natao
Yaveh Zagnaharenao tamy Miriama laha fa bakagne Egypta nareo.[10]Laha fa mampidran-jaka ty mpirai-belo
aminao riha, le ko militre ao antragnone mba hangalake ty antokene. [11]Hitsanga ao ambaline riha, naho ty
lahilahy ze nampidramenao le hinday ty antoke hiakatre aminao eo.[12]Laha lahilahy mahantra re, ko ente miroro
ho fanagnanao ty antokene. [13]Fa tsy maintsy aherenao agne amine ty antoke amity andro hitsofora ty andro, mba
hahafahane miroro aoagnate lambane naho hitahiane anao; ho fahamarea ho anao agnooa Yaveh Zagnaharenao
eo zay.[14]Ko mampijale ty mpanompo kinarama ze mahantra vaho ao agnate ty tsy fahampea, na ana reo Israelita
namanao, na reo vahiny ze ao amity tane ze ao ambavahady ty tana nao; [15]ameo aze isanan'andro ty karamane;
ko enga ho tratre ty masoandro mitsofotre zay, satria mahantra re naho mitama zay. Anovo zay mba tsy
hitaraigna agne amy Yaveh ty aminao, naho mba tsy ho hadisoa ho anao zay.[16]Ty rae-amandrene le tsy tokone ho
vonoe noho reo anane, na ty anake ho vonoe noho reo rae-amandrenene. Fa kea, ty kirai-kiraike iaby le tsy
maintsy vonoe noho ty hadisoane arere.[17]Tsy tokone hampiasa here riha mba hagnafaha ty rarene amity vahiny
na ty bode, na hangalake ty lamba ty mpivem-bata ho antoke. [18]Fa kea, tiarovo fa riha le ndevo tagne Egypta,
naho Yaveh Zagnaharenao ro namonje anao tagne. Laha zao magnanatre anao hagnenke zay lily zay raho.[19]Laha
mihaza ty vokanao agne amity baibonao riha, naho laha nagnaligno amboara raike tagne ambaibo, le ko mihere
mangalake zay; engao ho ahy ty vahiny, ho ahy ty bode naho ho ahy ty mpivem-bata zay, mba hitahia Yaveh
Zagnaharenao anao amity asa ty tagnanao iaby. [20]Laha fa magnintsa ty hetaen'olivanao riha, le ko magnere
mitsimpo reo egne amity tahone sase; ho ahy ty vahiny, ho ahy ty bode, naho ahy ty mpivem-bata zay.[21]Laha fa
mamory ty voaloboke egne amity tanem-boaloboke riha, le ko mitsimpo zay sase. Fa ze sisa tavela le ho ahy ty
vahiny, ho ahy ty bode, naho ho ahy ty mpivem-bata. [22]Tiarovo fa ndevo tagne amity tane Egypta riha; laha zao
magnanatre anao hienke ze lily zay raho.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 25

1Laha misy fifamalea eo amireo lahilahy ka mbaeo amity fitsara iereo, naho tsarae reo mpitsara iereo, le hafaha
iereo maliolio ty mare naho ho heloha ty raty fagnahy. 2Laha mete ty ho fofohe ty meloke, le hampandre ty
mpitsara iereo ho fofohe eo agnoloane miarake amity isa ty fofoke voamare, arake ty helone.3Mete hagnomea
fofoke efapolo aze ty mpitsara, feie tsy afake mihoatre io isa ao re; satria laha magnomea mihoatre io isake eo re
ka mamofoke aze maro kea, le ho afa-baraka eo amaso reo Israelita namanareo.4Ko magnily ty vava ty agnombe
laha fa mihinam-bare re.5Laha misy mpirahalahy miarake mitoboke naho mate ty raike amiereo, ka tsy
nanagnanake lahy, le tsy mahazo manambaly ndaty amaly ty foko ty valy iaze lahilahy nimate ey. Fa kea, tsy
maintsy miarake miroro amine ty lahine raike ka mangala-baly aze, naho manao ty adidy amity maha-zay aze.
6Zay le mba hisoava ty terake voalohane ze nientene tan-trone amity agnara ty rahalahy io lahilahy io iaze
nimate, mba tsy ho velo ao Israely ty agnarane.7Fa laha tsy manam-pagniria ty hangalake ty valy ty rahalahine ho
aze ty lahilahy, le tsy maintsy mbaeo amity vavahady agne amireo olobey ty valy ty rahalahine naho manao ty
hoe:' Ty zaiko lahy le milietse ty hagnomea agnara ho ahy ty rahalahine teo Israely; tsy hanao ty adidy ty zay lahy
amikore.' 8Bakeo reo olobey eo antanane tsy maintsy mikaike aze naho hirehake amine. Fa laha atao hoe mizizo
re naho mirehake ty hoe:'Tsy manam-pagniria hangalake aze raho.'9Bakeo ty zay lahine tsy maintsy mamonje aze
eo agnoloa reo olobey, magnafake ty kapa egne antombone, naho mandora egne amity tarehene. Tsy maintsy
mamaly aze re naho manao ty hoe:' Hoe zay ro atao amity lahilahy ze tsy magnore ty tragno ty rahalahine.' 10Ty
agnarane le ho kaihe ao Israely hoe:' Ty tragno ty nafaha ty kapane.'11Laha mialy reo lahilahy, naho avy ty valy ty
raike mba hagnavotre ty valine egne antagna ze namofoke aze, naho laha mamototre ty tagnane ka mandrae aze
agne amity filahiane re, 12le tsy maintsy tampahenao ty tagnane; tsy tokone hana fandefera ty masonao.13Tsy
tokone hana vato fandan-ja sambe hafa riha ao agnte kitaponao, ty kele vaho bey. 14Tsy tokone hana faharesea
sambe hafa riha ao antragnonao, ty kele vaho bey.15Vato fandan-ja soa vaho mare ro tokone hanagnanao;
faharesea soa vaho mare ro tokone hanagnanao, mab ho lava ty andronao ao amity tane ze namea Yaveh
Zagnaharenao anao. 16Fa reo iaby ze manao zaka hoe zay, ty iaby ze manao fihetreke tsy ampimaregna, le zaka-
raty eo agnoloa Yaveh Zagnaharenao.17Tiarovo ze natao Amalekita anao tegne andala laha niakatre Egypta nareo,
18ty fomba hifanojeane taminao tegne andala vaho ty nanafihane ty ilane taminao bakao afara, reo iaby ze osa
tafaranao, laha fa rerake vaho sasatre riha; tsy nagnomea hasy an'Agnahare re. 19Laha zao, laha fa namea Yaveh
Zagnaharenao fitofa tamireo fahavalo nagnodidy anao riha, tao amity tane ze namea Yaveh Zagnaharenao anao
mba ho lova, le tsy tokone halignoenao fa tsy maintsy mamono ty fahatiarova reo Amelekita eo ambane lagnitse
riha.

Chapter 26

[1]Laha fa avy agne amity tane ze hamea Yaveh Zagnaharenao ho lovanao riha, naho laha fa lasanao vaho
hitobohanao zay, [2]tsy maintsy alaenao ty ilane amity voaloham-bokatre iaby eo amity tane ze nindaisa anao teo
amity tane ze namea Yaveh Zagnaharenao. Tsy maintsy hataonao ao agnate haro zay naho hindeha agne amity
toera ze finily Yaveh Zagnaharenao ho fitoboha masy riha.[3]Tsy maintsy mindeha agne amity mpisoro ze
hanompo amireo andro reo riha, naho hirehake amine hoe:' Magnenke Yaveh Zagnaharenao raho amizao fa zaho
le bakamity tane ze nifanta Yaveh tamireo razantika mba hamea antika.' [4]Tsy maintsy halae ty mpisoro eo
antagnanao ty haro naho hatobone magnoloa ty alitara Yaveh Zagnaharenao.[5]Tsy maintsy mirehake eo agnoloa
Yaveh Zagnaharenao riha ty hoe:' Syrianina hiringirine ty razambeiko. Nindeha nizotro tagne Egypta re naho
nijano tagne, naho tsy ampe agnisa reo vahoake. Tagne ro nahavy aze ho bey, nahere, naho firene bey mpitoboke.
[6]Raty entam-bata vaho nampijale antika reo Egyptiana. Nampanoene ty asa reo ndevo tika. [7]Nitaray tamy Yaveh,
Ty Zagnahare reo razantika tika, naho reine ty feontika naho hisane ty jalentika, ty asantika, naho ty
fahoreantika.[8]Niente Yaveh niakatre bakagne Egypta tamity tagna mahere tika, tamity famotora sandry, vaho
tamity horohoro bey, tamity famantara, naho tamity figaga; [9]naho re ninday antika tamity toera toy vaho
nagnomea antika ty tane toy, le tane ze feno ronono vaho tantele.[10]Ingo amizao, minday ty lohavoy ty tane ze
nameanao, Yaveh ahy raho.' Tsy maintsy hapetrako eo ambane magnoloa Yaveh Zagnaharenao zay naho manova
fanompoam-pilongoa eo agnoloane; [11]naho riha le tsy maintsy mifalefale amize zaka-soa iaby natao Yaveh
Zagnaharenao taminao, tamity fokonao__riha, vaho ty Levita, naho reo mpivahiny aminao eo.[12]Laha fa baka
magnomea ty ampahafolo ty vokanao iaby tamity tao fahatelo riha, ze, tao ty ampaha-folo karea, le tsy maintsy
hameanao ho ahy ty Levita zay, ho ahy ty vahiny, ho ahy ty bode, vaho ho ahy ty mpivem-bata, mba hahafaha
iereo mihina ao agnate ty vavahady ty tana nao ka ho voky. [13]Tsy maintsy mirehake eo agnoloa Yaveh
Zagnaharenao riha hoe:' Nienteko niakatre ty tragnoko reo zaka ze ahy Yaveh, naho nameako ty Levita, ty
mpivahiny, ty tsy manan-drae, vaho ty mpivem-bata, arake ty lilinao iaby ze nameanao ahy. Tsy nisy linikako reo
lilinao, na nihalignoeko reo.[14]Tsy nihina tamizay raho zisike ty fandalako, na nataoko tegne avao tamity andro ty
lotoko, na nameako ho fahan-kane hagnaja ty mate. Nidranhy ty feo Yaveh Zagnahareko raho; nenkeko iaby ze
nandilianao ahy mba hataoko. [15]Magnetea ambane bakegne amity toera masy ze hitobohanao, bakegne
andagnitse, naho tahio reo Israely vahoakenao, vaho ty tane ze nameanao anay, arake ze nifantanao tamireo
razanay, le tane feno ronono vaho tantele.'[16]Androany Yaveh Zagnaharenao le mandily anao mba hagnenke reo
lala vaho lily reo; laha zao le hiambe iereo riha naho hagnorike zay amity arofonao aiby vaho ty fagnahinao iaby.
[17]Nanao fagnambara riha androany fa Yaveh Zagnaharenao, ka hindeha amity lalane riha naho hiambe reo
fotsipene, reo liline, vaho reo lalane, naho hidranjy ty feone riha.[18]Androany Yaveh le manao fagnambara fa riha
le vahoake ze Aze arere, arake ze nampagnantegnaene anao, naho riha le natao hiambe reo liline iaby, [19]naho
hataone ho ambone noho reo firene hafa iaby ze nataone riha, naho riha le hahazo tsiriry, laza, naho hasy. Ho
vahoake voatoka ho ahy Yaveh Zagnaharenao riha, arake ze nirehafene."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 27

[1]mosesy naho reo lohologny Israely nandily ty fokonolo vaho nivola tihoe: Tandremo reo lily zay ndiliako anareo
niandroany. [2]Lafa hitsake any jordana nareo draike andro agne agne amy ty tane zay mey Yaveh Andragnahare
nao riha, le tsy maintsy hampipoke vato bey maromaro riha vaho holokoanao amy ty sokay. [3]Tsy maintsy
soratenao ao amy reo ty tene iaby amy ty lalagna toy lafa mitroatse riha, mba hilitse ao amy aze tane zay mey
Yaveh anao riha, le tane tondrandrono naho tantele, arake ty fanampandignise yaveh, aze Andragnahare reo
razambegnareo.[4]Lafa mahatsake Jordane nareo, le aoregno vato andiliako anareo androany, ao ambohitse Ebala,
vaho laloro soma reo. [5]Ao ro hagnoregna nareo alitare hoahy Yaveh Andragnaharenao, alitara vita amy ty vato;
nefa ka ampiasae ao ty fiasa vy hiasa reo vato.[6]Vato tsy voapeke ro tsy maintsy hagnamboaranareo ty alitara
Yaveh Zagnaharenao; tsy maintsy hanao fagnatetre oroa ho ahy Yaveh Zagnaharenao eo amio riha, [7]naho hanao
soro fagnate-pilongoa riha ka hihina ao. Hifalefale eo agnoloa Yaveh Zagnaharenao riha. [8]Ho soratenao feno eo
amireo vato reo ty rehake iaby amity lily toy."[9]Mosesy vaho reo mpisoro, naho reo Levita, nirehake tamireo
Israely iaby, nanao ty hoe:" Mitsigna, naho mitsanogna, ry Israely: Androany le fa lasa vahoake Yaveh
Zagnaharenao riha. [10]Laha zao le tsy maintsy mieke ty feo Yaveh Zagnaharenao riha, naho mieke reo liline vaho
ty lala ze handiliako anao androany."[11]Tamio andro io avao le nandily ty ndaty i Mosesy naho nirehake ty hoe:
[12]"Toa foko toa ro tsy mainsty hitsanga eo ambohitse Gerizima mba hitso-drano ty ndaty iaby tafitsake agne
Jordana nareo: Simeona, Levy, Joda, Isakara, Josefa, naho Benjamina.[13]Toa foko toa ro tsy maintsy hitsanga eo
amity vohitse Ebala mba hanogno ozo: Roben, Gada, Asera, Zebolona, Dana, naho Naftaly. [14]Hamale reo Levita
naho hirehake amireo lahilahy Israely iaby amity feo ambone ty hoe:[15]'Ho voaozo anie ty lahilahy ze manao
saren-jaka voasokitre na saren-jaka agnidy, te zaka-raty amy Yaveh, ty asa ty tagna ty mpanao asa tagna, vaho ze
mananga zay mangingike.' Naho ty vahoake iaby hamale naho hirehake ty hoe:' Amena.'[16]'Ho voaozo anie ty
lahilahy manao tsinontsino ty raene na ty renene.' Naho ty vahoake iaby hirehake ty hoe:' Amena.' [17]'Ho voaozo
anie ty lahilahy ze mamindra ty efen-tane ty mpiraike mony amine.' Naho ty vahoake iaby hirehake ty hoe:'
Amena.'[18]'Ho voaozo anie ty lahilahy ze magnary lala ty goa.' Naho ty vahoake iaby hirehake ty hoe:' Amena.' [19]'Ho
voaozo anie ty lahilahy ze mampiasa here mba hahazoane ty rarene ze tokone ho ahy ty mbahiny, ty bode, na ty
mpive-bata.' Naho ty vahoake iaby hirehake ty hoe:' Amena.'[20]'Ho voaozo anie ty lahilahy ze miara-miroro amity
valy ty raene, satria nangalatre ty zon-draene re.' Naho ty vahoake iaby hirehake ty hoe:' Amena.' [21]Ho voaozo
anie ty lahilahy ze miara-miroro amize mete ho karazam-bibinala.' Naho ty vahoake iaby hirehake ty hoe:'
Amena.'[22]'Ho voaozo anie ty lahilahy miara-miroro amity anabavene, ty anabaven-draene, na ty anak'ampelan-
drenene.' Naho ty vahoake iaby hirehake ty hoe:' Amena.' [23]'Ho voaozo anie ty lahilahy ze miara-miroro amity
rafozam-bavene.' Naho ty vahoake iaby hirehake ty hoe:' Amena.'[24]'Ho voaozo anie ty lahilahy ze mamono
ambalike ty mpiray mony amine. ' Naho ty vahoake iaby hirehake ty hoe:' Amena. [25]'Ho voaozo anie ty lahilahy ze
manao vandevande mba hamonoa ty ndaty tsy nagnino.' Naho ty vahoake iaby hirehake ty hoe:' Amena.'[26]'Ho
voaozo anie ty lahilahy ze tsy magnamafe ty reha ty lily toy, fa hagnenke iereo re.' Naho ty vahoake iaby hirehake
ty hoe:' Amena.'

Chapter 281Laha midrano soa ty feo Yaveh Zagnaharenao riha naho miambe reo liline iaby ze handiliako anao androany, le hametrake anao ambone ty firene hafa iaby eto antane ty Yaveh Zagnaharenao.

[2]Reo fitahia iaby reo le ho avy aminao naho hahatratre anao, laha midrano ty feo Yaveh Zagnaharenao riha.[3]Ho
tahie riha ao antana, naho ho tahie riha agne ambaibo. [4]Ho tahie ze naterako, vaho ty voka ty tanenao, naho ty
anagnireo bibinao, ty fitomboa ty biby harenao, naho ty anak'agnondry aman'osenao.[5]Ho tahie ty haronao vaho
ty finganao fagnanoa nao mofo. [6]Ho tahie riha laha militse, naho ho tahie riha laha miboake.[7]Hahavy reo
fahavalonao ze mitsanga mandietse anao ho rese eo agnoloa Yaveh; hiakatre handietre anao amity lala raike
iereo nafa hilay eo agnoloanao amity lala fito. [8]Handily ty fitahia ho avy aminao ao amireo sompinao vaho amy
iaby ze kasihe ty tagnanao Yaveh; hitahy anao agne amity tane ze ameane anao re.[9]Hagnore anao manahke ty
vahoake ze voatoka ho aze ty Yaveh, manahake ty le fa nifantane taminao, laha miambe reo lily Yaveh
Zagnaharenao riha, naho mindeha amity lalane. [10]Reo vahoake iaby eto antane hahisake fa riha le kinaike tamity
agnara Yaveh, naho hatahotre anao iereo.[11]Hanao ano ho mapanan-karea amity anagnao, amity voka ty biby
harenao, naho amity voka ty tanenao, amity tane ze nifantane tamireo razanao homea anao ty Yaveh. [12]Hamoha
ho anao ty tragno famoriane agne andagnitse mba hagnomey ora ho ahy ty tanenao amity fotoane, vaho mba
hitahy ty asa ty tagnanao iaby ty Yaveh; hampitsepkae ty firene maro riha, fa tsy hitsepake.[13]Hanao anao ho
lohane, naho tsy ho solo Yaveh; ho ambone avao riha, fa tsy ho ambane zane, laha midrano reo lily Yaveh
Zagnaharenao ze handiliako anareo androany, naho miambe vaho manao reo, [14]naho laha tsy miotake amity
raike amireo rehake ze nandiliako anao androany reo riha, amity havana na amity havia, naho magnorike reo
zagnahare hafa mba hanompo iereo.[15]Fa laha tsy midrano ty feo Yaveh Zagnaharenao riha, naho miambe reo
liline vaho reo lalane iaby ze nandiliako anao androany, le ho avy aminao reo ozo iaby reo naho hahatratre anao.
[16]Hozogne riha ao antana, naho hozogne riha ambaibo. [17]Hozogne ty ao amity haronao vaho ty finga fanaovanao
mofo.[18]Hozogne ze nateragnao, ty voka ty tanenao, ty fitombo ty biby harenao, naho ty anak'agnondry
aman'osenao. [19]Hozogne riha laha militse, naho hozogne riha laha miboake.[20]Yaveh handefa aminao reo ozo,
misafotofoto, naho reo rahake mafe iaby ze kasihe ty tagnanao, madram-piravanao, naho mandram-pahafatenao
malaky noho reo asa ratinao ze ahafoezanao ahy. [21]Hampipiteke ty arete mandany aminao mandram-pandravane
anao amity tane ze ho azonao ty Yaveh.[22]Hagnisy anao amireo arete-mifindra, amity tazo, amity fangirifiry, naho
amity hafana main-tane vaho magnoro, naho amity tioke mahamay vaho mate foty Yaveh. Hagnia anao
mandram-pimatezanao re.[23]Ty lagnitsenao ze ambone ty lohanao le ho varahy, naho ty tane ze ambanenao le ho
vy. [24]Hanao ty ora ty tanenao ho faseke vaho deboke ty Yaveh; bakagne andagnitse ro hizotroa zay aminao
mandram-piravanao.[25]Hahavy anao ho resy eo agnoloa reo fahavalonao ty Yaveh; hiakatre amity lala raike
handietse iereo riha nefa nilay eo agnoloa iereo amity lala fito. Hisavoravora etia naho eroa ao amireo fanjaka ty
tane iaby riha. [26]Ty fatenao le ho sakafo reo voro bakegne andagnitse iaby vaho ho ahy reo biby ty tane; tsy hisy
na ia ia hampitahotre iereo.[27]Yaveh hagnisy anao amireo vae i Egypta vaho amireo fere, fahaboka, naho hilihily,
naho tsy ho sintra amizay riha. [28]Yaveh hagnisy anao amity firobahan-tsay, amity fagoa, naho amity
fikorontagnan-tsay. [29]Hitsapatsapa amity atoandro manahake ty goa mitsapatsapa agnate ty ieke riha, naho tsy
hambine amireo lalanao riha; hampijale vaho ho simbae avao riha, naho tsy hisy na ia ia hamonje anao.[30]Ho lasa
mpifamono amity roakemba riha, nefa ty lahilahy hafa hitsepake aze naho hagnola aze. Hagnamboatre tragno
riha nefa tsy hitoboke ao amizay; hanao tanem-boaloke riha nefa tsy hahazo ty voka zay. [31]Ho vonoe eo agnoloa ty
masonao ty agnombenao, nefa tsy nihina ty hena zay riha; halae an-kere eo agnoloa ty masonao ty borikenao
naho tsy hahere aminao. Homea reo fahavalonao ty agnondrinao, naho tsy hanana na ia ia hagnomba anao riha.
[32]Reo anadahignao vaho reo anak'ampelanao le homea reo ndaty hafa; hipay iereo isan'andro ty masonao, nefa
tsy hahavita miambe iereo. Tsy hisy here antagnanao eo.[33]Ty voka ty tanenao vaho ty asanao iaby__firene ze tsy
haignao ro hihina zay; hampijale vaho ho potehe zisikefarane riha, [34]mba hahavy anao ho lasa gege noho ze zaka
misy hisanao. [35]Yaveh hagnisy anao amity vae mahere eo amity ongotse vaho tomboke naho tsy ho sintra amizay
riha, zisikagne amity lela-tombonao ka zisikagne amity lohanao.[36]Yaveh hinday anao vaho ty mpanjaka ze
hapetranao ho ahy ty vatanao ho agne amity firene ze tsy hainao, na riha na reo razanao; hanompo reo
zagnahare hafa hetae vaho vato ao riha. [37]Ho lasa fiavia ty horohoro, ohabola, naho oha-drehake, eo amireo
vahoake iaby ze handroaha Yaveh anao riha.[38]Hambole voa maro eo ambaibo riha, kanefa voa kele ro ho
halaenao ao, satria reo valala le handany zay. [39]Hanao tanem-boaloboke riha naho hambole amireo, nefa tsy mba
hino amity divay, na hamory reo voaloboke kea, satria reo soko ro hihina reo.[40]Hana hetaen'oliva ao agnate ty
faritanenao iaby riha, nefa tsy hagnosotre ty menake amity tegnanao, satria reo hetaen'olivanao hagnintsa ty
voane. [41]Hanagnanake lahy vaho anak'ampela riha, nefa tsy hinjare ho anao iereo, fa ho lasa agne amity fiteane.
[42]Reo hetaenao iaby naho ty voka ty tanenao__reo valala ro handany zay. [43]Ty vahiny ze aminao eo le hiakatre

agnabo ambonenao; riha vatanao le hizotro ambane le vatane ambane. [44]Hampitsepake anao re, nefa riha tsy
hampitsepake aze; ho lohane re, fa riha kea ho solone.[45]Reo ozo iaby reo le ho avy aminao vaho hagnia naho
hahatratre anao zisike ty hiravanao. Hiseho zay satria tsy nidranjy ty feo Yaveh Zagnaharenao riha, naho tsy
niambe reo liline vaho reo fotsipene ze nandiliane riha. [46]Reo ozo reo ho aminao ho famantara vaho fahagaga,
naho ho amity fokonao zisikezay.[47]Satria riha tsy nanompo Yaveh Zagnaharenao tamin-kafalea vaho fifalea ty
arofo laha fa tao agnate ty fagnambina riha, [48]laha zao le hanompo reo fahavalo ze halefan'Agnahare handietse
anao riha; hanompo iereo amity hakere, amity aran-drano, amin-tsifiakanjo, naho amim-pahantra riha.
Hametrake zioga vy eo ambozonao mandran-pandravane anao re.[49]Yaveh le hinday firene handietse anao
bakalavitse, bakagne amity fara ty tane, manahake ty voromahere mitily ho amity hanene, firene ze tsy hainao ty
rehane; [50]firene masiake toera teie tsy magnaja ty olobey naho tsy mba tea ty tanora. [51]Hihina ty ana ty biby
harenao vaho ty voka ty tanenao mandram-pirava nao iereo. Tsy hagnenga voa ho anao, divay vaovao, na diloilo,
ty ana ty biby harenao na ty agnondry aman'osenao iereo, mandram-pamonoane anao.[52]Hanao faherano anao ao
amireo vavahady ty tananao iaby iereo, zisike ty hitonta reo rindrinao abo vaho mafe iaby ao antananao, reo
rindry ze natokisanao. Hanao faherano anao ao amity vavahady ty tananao iaby magnera ty tane iaby ze nomea
Yaveh Zagnaharenao anao iereo. [53]Hihina ty voka ty vatanao avao, ty nofo reo anagnao lahy vaho ty vave, ze
nomea Yaveh Zagnaharenao anao riha, eo amity faherano vaho eo amity fijalea te ho anoe ty fahavalonao
aminao eo.[54]Ty lahilahy ze maleme vaho tena maletre aminareo eo__le hialo ty rahalahine vaho ty valy teane,
naho reo anake iaby nengane re. [55]Ka tsy hagnomea na amity raike amiereo ty arofo ty anane ho hanene re, satria
tsy hana na ino ino tavela ho aze amity faherano vaho amity fijalea ze hataognireo fahavalonao aminao ao
amireo vavahady ty tananao iaby re.[56]Ty ampela maleme vaho maletre aminao eo, ze tsy mahasaky manao ty
tombone amity tane noho ty faleme vaho faletre__le hialo ty valy teane avao re, ty anadahine, vaho ty
anak'ampelane, [57]naho ty anane vaho terake ty miakatre bakao agnivo ty tombone, vaho reo anake ze haterane.
Hihina iereo mangingike re noho ty tsy fisian-jaka hafa, zisike ty faherano vaho ty fijalea ze hatao reo
fahavalonao aminao ao amireo vavahady ty tananao.[58]Laha tsy miambe ty rehake iaby amizao lily ze voasoratre
ao amity boke toy zao riha, naho tsy magnaja ty agnara bey hasy vaho mampatahotre toy, Yaveh Zagnaharenao,
[59]le ho atao Yaveh raty ty arete-mandany nao, vaho ty ahy reo fokonao; ho arete-mandoza reo, maharetre ela,
naho arete mahere, maharetre ela.[60]Ho entene aminao ndraike reo arete Egypta iaby ze natahoranao; hifiketre
aminao reo. [61]Ty arete vaho ty arete-mandany iaby ze tsy voasoratre ao amity boky ty lily toy avao kea, reo avao
kea le ho ente yaveh aminao mandran-pirava nao. [62]Engao ho kele agnisa nareo, na le manahake reo kinta ty
lagnitse aza ty isagnareo, satria tsy nidranjy ty feo Yaveh Zagnaharenareo nareo.[63]Manahake ty nifalea Yaveh
taminareo tagne taloha tamity fagnanoa ty soa ho anareo, vaho tamity fampitomboa anareo, ro hifaleane
aminareo amity famonoa anareo vaho amity fandrava anareo. Hombota amity tane ze andehana nao mba hatao
fanagna nareo. [64]Yaveh le hanjara anao eo amireo vahoake iaby egne amity fara ty tane raike ka zisikagne amity
fara ty hafa ty tane; agne riha le hanompo reo zagnahare hafa ze tsy hainao, na riha na reo razanao, reo
zagnahare hetae vaho vato.[65]Agne amireo firene reo le tsy hahisake fimarea riha, naho tsy hisy fitofa ho ahy ty
lela-tombonao; feie kea, homea Yaveh arofo tora-kovitre, maso miondreke, naho fagnahy mahaleo riha agne.
[66]Hihanto amity fisalasala eo agnoloa nao ty fiaignanao; hatahotre isan-kale vaho isan'andro riha naho tsy hahazo
antoke ty fiaignanao kea.[67]Amity maray le hirehake riha ty hoe:' Teako mba ho hariva zao!' naho amity hariva le
hirehake riha ty hoe:' Teako mba ho maray zao!' noho ty tahotre amponao ao vaho reo zaka ze ho hisa ty
masonao. [68]Yaveh hinday anao ndraike agne Egypta amity sambo, amity lala ze nirehafeko taminao ty hoe:' Tsy
hahisake Egypta sase riha.' Hanolotre ty vatagnareo ho varotre agne amireo fahavalonareo manahake ty
mpanompo lahy vaho vave nareo, nefa tsy hisy na ia ia hivily anareo."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 29

[1]Toa ty rehake ze nandilia Yaveh i Mosesy ho rehafe amity vahoake Israely tagne amity tane Moaba, tegne ty
nagnampea ty fagnenkea ze nataone tamy iereo tao Horeba.[2]kinay Mosesy ty vahoake Israely iaby ka hoe re tamy
iereo:" Le fa hisanareo iaby ze natao Yaveh tamy Farao teo agnoloa ty masonao tagne amity tane Egypta, le
tamireo mpanompone iaby, vaho tamity tanene iaby__[3]reo fijalea bey ze hisa ty masonao, reo famantara, naho
reo fahagagam-bey. [4]Fa hatramizao le tsy nagnomea arofo hahay, maso hahisaha, sofy hitsanogna ho anareo ty
Yaveh.[5]Efapolo tao ro nindaisako anareo tagne agnefetre, tsy niala taminareo ty akanjonareo, naho tsy niala teo
antombonao ty kapanao. [6]Tsy nihina mofo nareo, tsy nino divay na zaka-finome mahamamo hafa, mba
hahaianareo fa zaho ro Yaveh Zagnaharenareo.[7]Lah avy tamity toera toy nareo, le niakatre mba hialy amintika,
ty Sihona, mpanjaka i Hesbona, vaho Oga, mpanjaka i Basana, le lavontika iereo. [8]Nalaentika reo tanene naho
nomeantika ho lovagnireo Robenita, vaho Gadita, naho ho ahy ty antsasa ty foko i Manase zay. [9]Laha zao ambeno
reo reha ty fagnenkea toy naho anovo zay, mba ho hoambine amy zaka iaby hataonareo anie nareo.[10]Mitsanga
nareo androany, nareo iaby, eo agnoloa Yaveh Zagnaharenareo; reo beignareo, reo fokonareo, reo olobeignareo,
naho reo manan-kasy__reo lahilahy Israely iaby, [11]reo kolo malinegnareo, reo valignareo, naho ty vahiny ze
aminao ao amity tobenao, na ze mandily ty hetaenao zisike amize mantsaka ty ranonao.[12]Avy eto riha mba hilitre
amity fagnenkea Yaveh Zagnaharenao vaho amity fifanta ze hatao Yaveh Zagnaharenao aminao agne, [13]ka
hahavy anao ho vahoakene re, naho re ho Zagnaharenao, arake ze nirehafene taminao, tamy Abrahama, tamy
Isaka, naho tamy Jakoba.[14]Fa tsy aminareo avao ro hanaovako ze fagnenkea vaho fifanta zao__[15]le iaby ze
mitsanga eo agnoloa Yaveh Zagnaharentika miarake amintika eto androany__fa amireo ze tsy miarake amintika
eto androany avao kea. [16]Haignareo ty fomba niaignantika tagne amity tane Egypta, naho ty fomba namaki-
vakiantika reo firene nandriognanareo.[17]Le fa hisanareo reo zaka raty gnierero: le reo sampe hetae vaho reo
sampe vatone, volafoty vaho volamena, ty teo amiereo. [18]Ao tsy hisy aminareo eo na lahilahy, na ampela, na
longo, na foko ze miotake midiso amy Yaveh Zagnaharentika ty arofone androany, ka hindeha hanompo ty
zagnahare reo firene reo. Ao tsy hisy hetae mamokatre zaka-mafaitre vaho zaka-mamono aminareo eo. [19]Ka laha
reign'izay ndaty zay reo reha ty fagnozogna toy, le hitso-drano ty vatane ao agnarofone re ka hanao ty hoe:' Hiada
raho, na le mindeha arake ty rengerenge ty arofoko aza.' Izay le haharava ty le naho ty maike.[20]Naho tsy
hagnenga aze ty Yaveh, fa le, hirehetre amize lahilahy zay ty helogn'Yaveh vaho ty fasiane, naho ho avy amine ty
ozo iaby ze voasoratre agnate ty boke toy, naho ho fafa Yaveh tsy ho eo ambane lagnitse ty agnarane. [21]Naho
hatoka Yaveh ho egne ambaly ty foko Israely iaby amity loza re, arake ty fagnozogna iaby amity fagnenkea ze
voasoratre agnate ty boke ty lily toy.[22]Ty foko hoavy, le reo anake ze hisolo anareo, naho ty mbahiny ze avy amity
tane lavitre, le hirehake laha fa hisagniereo ty arete-mandany amity tane toy vaho reo arete ze nampaharare
Yaveh zay__[23]Naho laha fa hisagniereo fa avy solifara vaho sira mirehetre ty tane iaby, ndre tsy namendraha na
ino ino na namoha voa, ze tsy misy zaka mitiry, manahake ty naharava i Sadoma vaho Gomoro, Adma vaho
Jeboima, zay niravae Yaveh tamity havignirane vaho helone__[24]le hiara-hirehake amity firene hafa iaby iereo ty
hoe:" Nagnino ro nanao zao tamity tane toy Yaveh? Ino ro ty dika zao fireheta heloke bey zao?'[25]Naho hirehake
reo vahoake ty hoe:" Zao ro ie satria tsy nagnorike ty fagnenkea Yaveh, Zagnahare reo razambeine iereo, ze
nataone tamiereo tamity nindaisane iereo niakatre ty tane Egypta, [26]naho satria iereo nindeha nanompo
zagnahare hafa vaho nihohoke tamizay iereo, le reo zagnahare ze tsy haign'iereo naho tsy nomeane ho ahy iereo
kea.[27]Laha zao ty helon'Agnahare le narehetre tamity tane toy, ka niavy tamine eo reo ozo iaby ze voasoratre
tamity boke toy. [28]Naho nilanie Yaveh tamity heloke, tamity havignira, naho tamity hasosora bey, tsy ho amity
tanene iereo, naho nariane tagne amity tane hafa, zisike androany."[29]Reo zaka mihaja le ahy Yaveh
Zagnaharentika arere avao; fa ty zaka atalily kea le natao ho antika vaho reo fokontika zisikezay, mba
hiafahantika manao ty rehake iaby ty lily toy.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 30

[1]Laha fa avy aminao eo zao zaka iaby zao, reo fitahia vaho reo ozo ze napetrako teo agnoloanao, naho laha fa
mahatiaro iereo riha eo amireo firene hafa iaby ze nindaisa Yaveh Zagnaharenao anao, [2]naho laha fa mihere amy
Yaveh Zagnaharenao riha ka mienke ty feone, magnorike iaby ze handiliako anao zao__riha vaho reo
anagnao__amity arofonao iaby vaho amity fiteanao vaho hana famindra-gnarofo aminao ty Yaveh Zagnaharenao;
hihere re naho hamory anao amireo ndaty iaby ze naparita Yaveh Zagnaharenao.[4]Laha misy raike amireo
ndatinao natao sesetane agne amireo toera lavitre vatane ambane ty lagnitse, agne amizay ro hamoria Yaveh
Zagnaharenao anao, naho agne amizay ro hindaisane anao. [5]Yaveh Zagnaharenao hinday anao amity tane ze
nanagna ty razambeinao, ka lasa fanagnanao ndraike zay; hanao soa anao re naho hampitombo anao mandako
ty nataone tamireo razambeinao[6]Ho savare Yaveh Zagnaharenao ty arofonao vaho ty arofo reo fokonao, ka ho
teavenao amity arofonao iaby vaho amity fagnahinao iaby ty Yaveh Zagnaharenao, mba ho velo riha. [7]Yaveh
Zagnaharenao le hanao reo ozo iaby reo eo amireo fahavalonao vaho eo amireo malay anao, reo ze nagnia anao.
[8]Hihere vaho hagnenke ty feo Yaveh riha, naho hanao reo liline iaby ze handiliako anao amizao.[9]Hahasoa anao ty
Yaveh Zagnaharenao amity asa ty tagnanao iaby, amity voka ty vatanao, vaho amity voka ty biby harenao, naho
amity voka ty tanenao, ho fandrosoa; fa Yaveh hofale aminao ndraike noho ty fandrosoa, manahake ty nifaleane
tamireo raenao. [10]Hanao zay re laha hagnenke ty feo Yaveh Zagnaharenao riha, mba hiambe reo liline vaho reo
fotsipeke ze voasoratre tao amize boke ty lily zay, laha mihere amy Yaveh Zagnaharenao riha amity arofo vaho
fagnahinao iaby.[11]Ta toy lily ze handiliako anao zao toy le tsy mafe loatre aminao, na lavitre loatre ty
hanakaranao aze. [12]Tsy agne andagnitse zay, ka tokone hirehake riha ty hoe:' Ia ro hiakatre agne andagnitse ho
antika vaho hinday zay mizotro atoy amintika naho magnomea fahafaha antika haharey zay, mba hanaovantika
zay?'[13]Tsy agne andafe ty riake zay, ka tokone hirehake riha ty hoe:' Ia ro hitsake ty riake ho antika vaho hinday
zay amintika naho hampaharey zay antika, mba hanovantika zay?' [14]Fa le fa marineke anao ty rehake, ao amity
vavanao vaho ty arofonao, mba hahafahanao manao zay.[15]Ingo, nataoko teo agnoloanao ty fiaigna vaho ty soa,
naho ty fate vaho raty te amizao. [16]Laha magnenke reo lily Yaveh Zagnaharenao riha, ze handiliako anao amizao
mba hotea Yaveh Zagnaharenao, hindeha amireo lalane, naho hiambe reo liline, reo fotsipene, vaho reo liline, le
ho velo vaho hitombo riha, naho Yaveh Zagnaharenao hitahy anao agne amity tane ze hiliranao ho fanagnanao.
[17]Fa laha mivio lala ty arofonao, naho tsy midranjy riha fa kea voatarike lavitre vaho mihohoke amireo zagnahare
hafa naho manompo iereo, [18]le atililiko anao amizao fa ho mate riha; tsy hagnalava reo andronareo nareo agne
amity tane ze hisanao agne Jordana mba hilira vaho ho fanagna.[19]Mikaike ty lagnitse vaho tane raho mba ho
vavolombelo mandietse anao amizao ze le fa natoboko teo agnoloanao le ty fiaigna vaho ty fate, reo fitahia vaho
reo ozo; laha zao filio ty fiaigna mba ho velo, riha vaho reo fokonao. [20]Anovo zay mba ho fiteava Yaveh
Zagnaharenao, mba hagnenkea ty feone, naho hipiteha amine. Satria Re ro fiaignanao vaho halava ty andronao;
anovo zay mba hiaignanao agne amity tane ze nifanta Yaveh tamireo razambeinao, tamy Abrahama, Isaka, vaho i
Jakoba mba homea iereo."

## Chapter 31

[1]Mosesy nindeha naho nanao reo rehake reo tamy Israely iaby. [2]Hoe re tamiereo:" Roapolo amby zato tao raho
amizao; tsy afake mindeha miakatre vaho militse sase raho; hoe ty Yaveh tamiko hoe:' Tsy hitsake agne Jordana
riha.' [3]Yaveh Zagnaharenao, le hindeha magnoloa anao; hamoteke reo firene eo agnoloanao re, ka hoazonao
reigne. Josoa, hindeha eo agnoloanao re, arake ze nirehafe Yaveh.[4]Yaveh le hanao amiereo manahake ze nataona
tamy Sihona vaho Oga, mpanjaka reo Amorita, vaho amireo tane iereo, ze sinimbane. [5]Yaveh le hagnomea
faharesea iereo laha fa mialy nareo, ka hanao iaby ze nandiliako anareo amiereo nareo. [6]Mimafea naho
mahereza soa, ko matahotre, naho ko lasa-matahotre iereo; satria Yaveh Zagnaharenao, Re ze mindeha miarake
aminao; tsy hagnary anao na kea hahafoe anao re."[7]Nikaike Josoa ty Mosesy naho nirehake tamine teo amaso
Israely iaby hoe:" Mimafea naho mahereza soa, satria hindeha hiarake amireo vahoake reo agne amity tane ze
nampagnategna Yaveh tamity razagniereo fa homeane iereo riha; hahavy iereo handova zay riha. [8]Yaveh, Re ro
hindeha eo agnoloanao; hiarake aminao Re; tsy hagnary anao na hahafoe anao Re; ko matahotre, ko
kivy."[9]Nanoratre ze lily zay ty Mosesy naho nagnomea zay reo mpisoro, reo anagn'i Levy, ze ninday ty tomabile ty
fagnenkea Yaveh; nagnomea dika mitovy amizay reo olobey Israely iaby avao kea re. [10]Nandily iereo Mosesy naho
nanao ty hoe:" Isake ty fara ty fito tao, amity andro voamare amity famoagna reo tsosa, zisike ty fifalea ty fialofa,
[11]laha fa avy hiboake eo agnoloa Yaveh Zagnaharenao eo amity toera ze filiene ho fitoboha ty masy ty Israely iaby,
le hamaky io lala ao magnoloa Israely iaby eo antsofy iereo riha.[12]Avorio ty ndaty, ty lahilahy, ty ampela, ty kolo,
naho ty vahininao ze ao amity vavahady ty tana nao, mba ho afake haharey vaho hianatre iereo, naho mba ho
afake hagnomea hasy Yaveh Zagnaharenareo vaho hiambe ty rehake iaby amio lily io iereo. [13]Anovo zay mba ho
afake haharey vaho hianatre hagnomea hasy Yaveh Zagnaharenareo, ty ana iereo, ze tsy mahay, laha mboe
mitoboke ao amity tane ze hisanareo ho agne Jordana ho fanagna nareo nareo.[14]Hoe ty Yaveh tamy Mosesy hoe:"
Ingo, hoavy ty andro ze tsy maintsy hifatezanao; kaiho Josoa naho manolora-bata ao amity tragno figaogna, mba
hahafahako magnomea baiko aze." Le nindeha Mosesy vaho Josoa naho nanolotre ty vatagniereo tao amity
tragno figaogna. [15]Niseho tao amity tragno tamity ambe raho Yaveh; ty amben-draho nitsanga teo amity varavara
ty tragno.[16]Hoe ty Yaveh tamy Mosesy:" Ingo, hiarake hiroro amireo razanao riha; io vahoake eo le hitsanga ka
hanao manahake ty mpitsangatsanga magnorike zagnahare hafa ze eo amiereo ao amity tane ze hindena iereo.
Hahafoe ahy iereo naho handrava ty fagnenkeako ze nataoko tamiereo.[17]Naho, amio andro o, le hirehetre
amiereo ty heloko naho hienga iereo raho. Hagnaja ty vatako amiereo raho ka ho rava iereo. Arete maro vaho
koronta ro ho hisa iereo mba hirehake hoe izao iereo amio andro o ty hoe:' Tsy avy eto agnivontika vao reo arete
reo satria tsy eto agnivontika ty Zagnaharentika?' [18]Hagnaja ty vatako amiereo vatane raho amio andro o noho ty
raty iaby ze natao iereo, satria nitolike tagne amireo zagnaharen-kafa iereo.[19]Amizao naho le sorato ho ahy ty
vatanareo ty antsa toy naho ampianaro ty vahoake Israely zay. Anovo ao ambava iereo zay, ka mete ho fijoroa
vavolombelo ho ahy amireo vahoake Israely zay antsa zay. [20]Satria laha fa hinday iereo agne amity tane ze
nampagnategnako homea reo razambeiereo raho, tane ze todran-dronono vaho tantele, naho laha fa bake nihina
ka voky vaho afa-po iereo, le hitolike agne amireo zagnahare hafa vaho hanompo iereo naho hanao tsinontsino
ahy vaho handrava ty fagnenkeako.[21]Laha fa avy eo agnivo ty vahoake eo ty raty vaho ty koronta maro, le ho
vavolombelo eo agnoloa iereo i antsa ao(satria tsy ho haligno eo ambava reo foko iereo zay). Satria haiko ty
tetekasa ze forogne iereo amizao, na le nienteko tagne amity tane ze nampagnategnako iereo aza iereo."[22]Laha
zao le nanoratre io antsa ao tamio andro io avao ty Mosesy naho nampianatre zay reo vahoake Israely.
[23]Nagnomea lily i Josoa anadahign'i Nona Yaveh nanao ty hoe:" Mimafea naho mahereza soa; satria riha ro
hinday ty vahoake Israely ao amity tane ze namapagnategnako iereo, naho hiarake aminao raho."[24]Zao ro niseho
laha fa nahavita nanoratre reo reha ty lily tao agnate boke Mosesy, [25]fa handily reo Levita ze minday ty tomabile
ty fagnenkea Yaveh re, manao ty hoe: [26]"Raeso ty boke ty lily toy naho anovo eo agnila ty tomabile fagnenkea
Yaveh Zagnaharenareo, mba ho eo manahake ty vavolombelo mandietse anao zay.[27]Satria haiko ty vandegnireo
vaho ty hamafe loha reo; ingo, laha mboe velo miarake aminareo raho androany, le mpanvade mandietse Yaveh
nareo; vaho maike fa laha mate raho? [28]Avorio amiko eto reo olobey ty fokonareo iaby, vaho reo manan-kasy, mba
hahafahako mirehake reo rehake reo eo antsofy iereo vaho mikaike ty lagnitse vaho ty tane ho vavolombelo
mandietse iereo. [29]Satria haiko fa afara ty hifatezako nareo le hamitake ty vatanareo vatane ka hiala amity lala ze
nandiliako anareo; hoavy aminareo ty arete amity andro magnarake zay. Hiseho zay satria hanao ze raty eo
amaso Yaveh nareo, ze hahavy aze ho meloke amireo asa ty tagnanareo."[30]Le nirehafe Mosesy teo antsofy reo
vahoake Israely iaby ty togno ze antsa zay zisike fitamperane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 32

[1]Midrajingna, ry lagnitse, naho engao raho hirehake. Ao ty tane hidranjy ty reha ty vahoake. 2Ao ty fampianarako
hipoke manahake ty ranon'ora, ao ty rahehake halahako hirarake manahake ty mika, hanahake ty ora maleme
amity akata-maintso, vaho ho hanahake ty oram-bey amity zaka-mitiry.[3]Fa hilaza ty agnara Yaveh raho, naho
hagnenke ty hafoloay ty Zagnaharentika. [4]Ty vatolampy, lefe ty asane; fa mare iaby ty lalane iaby. Re ty
Zagnahare matoky, zay tsy misy heloke. Mare vaho mahity Re.[5]Nanao raty nadietse aze iereo. Tsy mba anane
iereo. Fahafahambaraka ho ahy iereo zay. Foko simba toetre vaho meloke iereo. [6]Izay vao ty fomba hamaleanao
hatea Yaveh, ry vahoake gege vaho tsy misy saine? Tsy raenao vao re, ty raike aze namboatre anao? Nanao vaho
nagnore anao Re.[7]Aheregno ao antsainao reo andro ty fotoa taloha, dineho ty tao maro ze lasa. Agnotaneo ty
raenao naho le ho rehafegniereo aminao. [8]Tamity nagnomea iaze Agnabo vatane reo firene ty
lovagn'iereo__tamity nizarane ty ndaty iaby, naho ty nametrahane ty faritane ty vahoake, naho ty namerane ty
isagnireo zagnaharene avao kea.[9]Fa ty anjara Yaveh le reo vahoakene; Jakoba ro zara lovane. [10]Hisane tagne
amity tane efetre re, vaho tagne amity tane efetre lao vaho tsy mamokatre; niaro vaho nikarakara aze re, niambe
aze manahake ty voamasone re.[11]Manahake ty voromahere ze miambe ty ankanene vaho mitilintily eo ambone ty
anane, namelatre ty elane Yaveh naho nangalake iereo, naho nientene tegne ambone ty elane iereo. [12]Yaveh arere
ro nitarike aze; tsy nisy zagnahare hafa niarake tamine.[13]Nampandeha aze tegne amireo toera abo ty tane re,
naho namaha aze ty voka ty baibo; namelo aze tamity tantele bakamity vatolampy re, naho menake tamity
harambato afombato.[14]Nihina hero-dronono bakamity agnombe vaho ninon-dronono bakamireo agnondry
aman'ose re, niarake tamity havondra ty anak'agnondry, agnondry lahy i Basana vaho reo ose lahy, niarake
tamity varem-bazaha soa vatane__naho nino divay mamore bakamity ranom-boaloboke riha.[15]Fa nihavondrake
Jesorona ka nitipake__nihavondrake riha, tena vondrake loatre riha, naho nihina ze nahavoky anao__nahaoe
anagnahare ze nanao aze re, naho nilierene ty vatolampy ty famonjeane. [16]Nanao ze nahasarotene Yaveh tamireo
zagnahare hafa iereo; tamireo zaka-ratiratine ro nampihelofane aze.[17]Nanao soro tamity demonia iereo, zay tsy
Zagnahare__zagnahare ze tsy hay iereo, zagnahare ze vaho niseho, zagnahare ze tsy natahora reo razambeinao.
[18]Nataonao avao ty vatolampy, ze fa lasa raenao, naho nihalignoenao ty Zagnahare ze niterake anao.[19]Hisa Yaveh
zay ka nafoene iereo, satria namonje aze ty anadahine vaho ampela. [20]Hoe re ty hoe:" hagnaja ty tareheko
amiereo raho," "naho ho hisako eo ze hiafaragniereo; fa foko mpivalike iereo, anake tsy matoky.[21]Nanao ze
hahasaro-piaro ahy tamize tsy zagnahare iereo naho nahameloke ahy tamireo zaka-foane. Zaho hampialo iereo
amize tsy vahoake; hahameloke iereo amity firene gege raho.[22]Fa nirehetre ty afo noho ty heloko naho magnoro
zisikagne amity fiaigna tsy hisake ambane vatane; mandrava ty tane vaho ty vokatre amine ao zay; mandrehetre
reo foto ty vohitse zay.[23]Hamory loza eo amiereo raho; hitifitre iereo amity folese iaby raho; [24]Ho mate ty hakere
iereo naho ho rava ty hafana mahamay vaho fandrava mafaitre; Halefako ho eo amiereo kea ty nifegn'ireo
bibin'ala, miarake amity poizy ty biby milaly amity deboke.[25]Hampijale agne ambalike ty meso, naho hanao
manahake zay kea ty fagnorohoroa ao amity efetre firoroa. Handrava ty ajalahy vaho ty verijine zay, ty kolo
minono, naho ty lahilahy foty volo. [26]Fa le fa nirehafeko fa hanjara iereo lavitre raho, naho hajanoko tsy ho eo
amity ndaty ty fahatiarova iereo.[27]Laha tsy naho ty tahoko ty fiantsia ty fahavaloko, vaho ty tsy hitsara reo
fahavalone aze reo diso, ka hirehafa iereo ty hoe:' Miakatre ty tagnanay,' le nataoko iaby reo iaby reo.[28]Fa firene
tsy hahitam-pahendrea Israely, naho tsy misy fahazavan-tsay ao amine. [29]Nefa, laha mba hendre iereo, ka afake
nahatakatre zay, ka afake nandineke ze hiafarane![30]Hatao ty raike akore ty hagnia ty arivo, na ty roe hampilay ty
ray ale, laha tsy ty vatolampy ro le fa nivarotre aze, naho Yaveh ro le fa nahafoe iereo? [31]Fa ty vatolampy reo
fahavalontika le tsy mitovy amity vatolampintika, arake ze le fa enke ty fahavalontika.[32]Fa ty voalobone le
bakamity voalobo i Sodoma, naho bakamireo baibo i Gomora; voaloboke misy poizy ty voalobone; naho mafaitse
reo sampene.[33]Poizy ty menara ty divay iereo naho poizy mandozabey ty menara. [34]Tsy kikasa mihaja nihajarieko
vao zay, voaisy tombo-kase tao antragno fitoeran-drakeko?
[36]Satria Yaveh le hagnomey rarene ty ndatine, naho hamindra arofo amireo mpanompone re. Ho hisane fa tsy
manan-kere iereo, naho tsy nisy tafijano, na reo ndevo na ty ndaty hafa.[37]Le hirehake re ty hoe:" aia reo
zagnaharene, ty vatolampy ze nialofagn'iereo?__[38]Reo zagnahare ze nihina ty havondra reo soro nataone vaho
nino ty divaim-pagnatetre ahiliereo? Ao iereo hitsanga ka hagnampe anareo; ao iereo ho fiarovagnareo.[39]Henteo
amizao fa Izaho, le Izaho, avao ro Zagnahare, naho tsy misy zagnahare hafa tsy Raho; Izaho ro mahafate, naho
Izaho ro mahavelo; Izaho ro mandratre, naho Izaho ro magnasitra, naho tsy misy hafa afake hamonje anao amity
hereko. [40]Eka magnakatre ty tagnako ho amity lagnitse raho naho mirehake ty hoe:' Satria velo zisikezay raho, le
hiasa.[41]Laha fa mandragnitrety mesoko mipelatre raho, naho laha fa manomboke minday ty rarene ty tagnako, le
hamale reo fahavaloko raho, naho hovalieko reo ze nalay ahy.[42]Hataoko mamon-dio ty foleseko, naho ty mesoko

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

hihina nofotse miarake amity lio reo mate vaho reo azo, naho hatramity loha reo mpitarike ty
fahavalo."'[43]Mifalea, nareo ry firene, miarake amity vahoaken'Agnahare, fa hamale ty lio ty mpanompone re, fa
hanao fagnavota ho ahy ty tanene re, le ho ahy ty ndatine[44]Naho avy ty Mosesy ka nitalily ty rehake iaby ze
fiantsa zay teo antsofignireo vahoake, re, vaho Hosea anadahign'i Nona. [45]Naho tampetre voaisa Mosesy tamy
Israely iaby ze rehake iaby zay.[46]Naho hoe re tamiereo:' Afantoho ao antsainao reo rehake iabe ze nijoroako
vavolombelo taminareo androany, mba handinihanareo ty anagnareo hiambe zay, ty rehake iaby ty lily toy. [47]Fa
tsy zaka-foa ho anreo zay, satria fiaignanareo, fa amize zaka zay ro hahalava ty andronao amity tane ze
hitsahanao agne Jordana ho fanagnanao."[48]Nirehake tamy Mosesy Yaveh tamio andro o avao ka nirehake ty hoe:
[49]"Mindehana miakatre amireo vohitse Abarima, miakatre zisikagne ambohitse Nebo, te agne amity tane Moaba,
tandrife Jeriko. Hijilo ty tane Kanana, zay homeako reo anagn'Israely ho fanagnane riha.[50]Ho mate eo amity
vohitse ze hiakaranao riha, naho ho voavory eo amireo vahoakenao, manhake ty nahafate i Arona Israelita
namanao tagne ambohitse Hora ka nahavory teo amireo vahoakene. [51]Izay ro hiseho satria riha le tsy natoky ahy
teo agnoloa reo vahoake Israely tagne amity rano i Meriba tagne Kadesy, tagne agnefetre Zina; satria riha tsy
ninday ahy tamin-kasy vaho tamim-pagnaja teo agnoloa reo vahoake Israely. [52]Fa ho hisanao eo agnoloa nao ty
tane, kanefa tsy hindeha agne riha, agne amity tane ze homeako ty vahoake Israely."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 33

[1]Zao ro tso-drano natao i Mosesy lahilahin'Agnahare tamity vahoake Israely taloha ty nifatezane. [2]Hoe re ty hoe:
Bakao Sinay Yaveh naho niboake bakao Seira teo ambone gniereo. Namirapiratre bakao ambohitse Parana re,
naho niavy niarake tamireo anjely masy ray ale. Helatre ro teo antagnane havana.[3]Eka, tea reo vahoake re, reo
anjeline masy iaby le eo antagnanao iaby, naho mihohoke eo antombonao iereo; nandrambe ty rehanao iereo.
[4]Nadily lily raike ho antika ty Mosesy, le lova raike ho ahy ty fiangona Jakoba[5]Le nisy mpanjaka tao Jesorona, laha
fa nivory reo olobey ty vahoake, reo foko Israely iaby miarake. [6]Ao ho velo Robena ka tsy ho mate, nefa ho
tsiampe anie reo ndatine.[7]Zao ro tso-drano ho ahy Joda. Hoe ty Mosesy hoe: Dranogno, ry Yaveh, ty feo Joda, ka
ento eo amity ndaty ndraike re. Mialia ho aze; mimetea ho fagnampea mandietse reo fahavalone.[8]Momba Levy
kea, le hoe Mosesy hoe: Ty Tomimanao vaho ty Orimanao le ahy ty ndatinao tsy mivalike, le ze hinentenao toera
tao Masa, ze nifamaleanao tao amity rano i Meriba.[9]Ty lahilahy ze nirehake momba ty raene vaho ty renene ty
hoe:" Tsy nahisake iereo raho." Tsy nenkene na le reo rahalahine aza, naho tsy nidinehene reo anane. Fa niambe
ty rehanao re, ka nita ty fagnenkeanao.[10]Nampianatre Jakoba ty lilinao re naho Israely ty lilinao. Hametrake liten-
ketae magnitre eo agnoloanao re vaho ty fagnatetre oroa iaby eo ambone ty alitaranao.[11]Tahio, ty Yaveh, reo
fanagnane, naho enkeo ty asa ty tagnane. Torotoro ty valaha ze mitsanga handietse aze, naho ty ahy reo ndaty ze
malay aze, mba tsy ho tafatsanga ndraike iereo.[12]Ty amy Benjamina, le hoe ty Mosesy hoe:Ty ragnee Yaveh le
miroro avao tsy hagnahy agnilaeo; Yaveh ro miaro aze zisikagne, naho mitoboke eo agnivo ty sandry Yaveh re.
[13]Ty amy Josefa, le hoe ty Mosesy hoe: Ho tahie Yaveh anie amireo zaka-soa ty lagnitse anie ty tanene, le amity
mika, naho amity rano laleke mitsoke ambane.[14]Ho tahie amireo zaka-soa ze voka ty masoandro anie ty tanene,
amireo zaka-soa voka reo vola, [15]amireo zaka soa vatane ty vohitse taloha, naho amireo zaka-soa ty tazoa
maharetre zisikezay.[16]Ho tahie amireo zaka-soa ty tane vaho ze hareane anie ty tanene, naho amity sitrampo
soane re ze tao amity voaroy, Ao ty fitahia ho eo andoha i Josefa, naho ho eo antampon-doha ty roandria teo
amireo rahalahine.[17]Ty voaloha nanagny ty agnombe, le bey hasy re, naho reo trifane le trifan'agnombe manga.
Amizay ro hidodoane ty ndaty, ie iaby, zisikagne amity fara ty tane. Reo ro agnalegnale i Efraima; reo ro
agnarivorivo i Manase.[18]Ty amy Zebolona, le hoe Mosesy hoe: Mifalea, ry Zebolona, amize hombanao, naho riha,
ry Isakara, ao antragnonao. [19]Hikaike reo vahoake ho agne ambohitse iereo. Agne ro hagnatera iereo fagnate-
pahamaregna. Fa iereo ro hitioke reo harean-driake, vaho bakamity faseke eo agnolon-driake.[20]Ty amy Gada le
hoe ty Mosesy hoe: Ho tahie ze magnabey i Gada, hitoboke agne manahake ty liona vave re, le hampidola sandry
na loha egne re[21]Nangalake ty soa vatane ho ahy ty vatane re, fa tagne ro nanokana ty zara-tane ty mpitarike.
Niavy niarake tamireo bey ty vahoake re. Nataone niarake tamy Israely ty fahamarea Yaveh amity liline.[22]Ty amy
Dana, le hoe ty Mosesy hoe: i Dana le anaka liona ze misampe bakagne Basana.[23]Ty amy Naftaly, le hoe ty Mosesy
hoe: i Naftaly, voky fisaora, naho feno ty fitahia Yaveh, mandova ty tane zisikagne ahandrefa vaho antimo.[24]Ty
amy Asera, le hoe ty Yaveh hoe: Ho tahie mihoatre naho ty anadahy hafa iaby anie Asera; ao ho isaoragnireo
rahalahine re, naho ao re hampidroboke ty tombone agnate menake oliva. [25]Ho vy vaho varahy anie reo hily ty
tagnanao; arake ty halava reo andronao, ro ho fahamaro ty filaminanao.[26]Ry Jesorona__ty mahity, tsy misy
manahake an'Agnahare, ze mitikitse ty lagnitse mba hamonje anao, naho egne amity raho amity maharoandria
aze egne.[27]Iaze Zagnahare zisikezay le fialofa, naho reo sandry zisikezay ro eo ambane. Mandroake ty fahavalo
tsy ho eo agnoloanao re, ka manao ty hoe:" Aravao!"[28]Mandre fahazay Israely. Azo antoke ty fiavia Jakoba ao
amity tane misy vare vaho divay vaovao; egne, ao ty lagnitsene handatsake mika eo amine.[29]Maro reo fitahianao,
ry Israely! Ia ro manahake anao, le firene voavonje Yaveh, ty ampinga ty famonjeanao, naho meso ty hasinao? Ho
lasa hihovitse eo agnoloanao reo fahavalonao; le liaenao reo fitobohane abo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 34

[1]Le niakatre bakagne amity tane lema i Moaba nimbaeo amity vohitse Nebo, nimbaeo antampo i Pisga, ty tandrife
Jeriko ty Mosesy. Tagne Yaveh ro nampiseho tamine ty tane i Gileada iaby ka ziskagne Dana, [2]vaho Naftaly iaby,
vaho ty tane Joda iaby, mbaeo amity riake ahandrefa, [3]vaho agne Negeva, naho ty tane lemake ty baibo Jeriko, ty
tana i Rofia, ka zisikagne Zoara.[4]Hoe ty Yaveh tamine hoe:" Toy ty tane ze nifantako tamy Abrahama, Isaka, vaho
Jakoba, nanao ty hoe:' Homeiko ty fokonao toy.' Nengako hanente zay tamity masonareo nareo, nefa tsy hindeha
agne." [5]Naho le mate tao amity tane i Moaba ty Mosesy, arake ty rehake nampagnategna Yaveh. [6]Nenga Yaveh tao
amity baibo ao amity tane i Moaba manandrife i Beti-peora re, fa tsy nisy nahay ze misy ty kiborine zisike
androany.[7]Roapolo amby zato tao ty Mosesy tamie mate; tsy poake ty masone, na nihe ty vatane voajagnahare.
[8]Nandala i Mosesy tagne amity tane lemak'i Moaba zisike ty telopolo andro ty vahoake Israely, bakeo tampetre
reo andro fandala i Mosesy.[9]Feno fagnahy ty fahendrea Josoa anadahign'i Nona, satria nametra-tagna tamine
Mosesy. Nidranjy aze ty vahoake Israely naho nano ze nandilia Yaveh i Mosesy.[10]Tsy nisy mpaminane manahake i
Mosesy vatane tao Israely, ze hay Yaveh nifagnatreke tamine. [11]Tsy mboe nisy mpaminane manahake aze tamireo
famantara vaho fahagaga iaby ze nagniraha Yaveh aze mba hatao agne amity tane Egypta, agne amy Farao, vaho
reo mpanompone iaby, naho agne amity tanene iaby. [12]Tsy mboe nisy mpaminane manahake aze amity asa bey
iaby vaho mampatahotre ze nataogn'i Mosesy teo amaso Israely iaby.

# Joshua

Chapter 1

[1]Vaho tafara nimaeteza Mosesy mpanompo Yaveh, le nirehake tamy Josoa anagn'i Nona i Yaveh, ty bey i mpiasa i
Mosesy io, novolagne tihoe: [2]Mosesy, aze mpanompokoy, le famate. Amizao areke, mitsangana, mitroara ty
Jordana toy, riha naho vahoakeohoagne amy tane zay homeiko aiereo-- le hoahy reo vahoake israely. [3]Fanatolotso
anao reo lala handehananareo tombokey.fanimeako agnara zane, arake ty fanampanantenaeko i mosesy.[4]Zisike
agnen-tane agnefetse naho Libanona, naho reo saka befoloay, ty Eofrata, ty tane ty Hetita iaby, ka zisike agne amy
riake befoloay, zay hitsofora iandroy, le hataneareo. [5]Tsy misy ndaty afake mitsanga agnoloanao eo amy ty andro
ivelomanao. Hiaro anao Raho manahake ty niarovako andre Mosesy. Tsy hagnary anao Raho na hienga anao.
[6]Maherea naho matanjaha. fa iha le hampandova anity fokonolo toy ty tane zay fanampandigniseko reo razagne
fahomeiko iareo. [7]Maherea naho matanjaha. miambena mbahagnina ty lalagna iaby zay nandilia i Mosesy
mpanompoko. Ka miala amizane na hoankavia na hoankavana, mba hahere ianao na aia na aia andenanao.
[8]Hitalily momba itoy boke ty lalana toy sake hariva riha. hisaintsay antoandro na haleke amy zane riha mba
hahaianao miambe ze voasoratse ao amy zane. Le hambine naho hahere riha. [9]Nao tsy fanandily anao vao Raho?
Maherea naho matanjaha!ka matahotse. Ka kivy. Yaveh Andragnaharenao le hiambe anao na aia na aia
andehananao."[10]Bakeo Josoa nandily aze mpitarike ty vahoake tihoe: [11]Mandehana mamakivaky ty tober vaho
mikondia ty vahoake tihoe: 'Magnomana vatia hoahy ty vatagnareo. Afake telo andro le hitsake ty Jordane toy
nareo vaho handeha agne hangalake reo tane zay homey Yaveh Andragnahare hofanagnanareo.[12]Haireo
Robenita, reo Gadita naho ty vaky ty foko i Manase, le hoe ty Josoa tihoe: [13]'' Ataovy agnate loha ty tsara zay
nandilia i Mosesy mpanompo Yaveh Andragnahare nareo le fanagnomey fitsara, vaho nimeine anareo zane tane
zane.'[14]Ty valiareo, reo ajaja mboekele, naho reo biby hare le hitoboke agne amy ty tane nimey Mosesy anareo
agne andafe Jordane. Fa reo lahilahy mpialy nareo le handeha hiarake amy reo rahalahinareo vaho hagnampe
iareo. [15]amparake agnomea Yaveh fitsara hoahy reo rahalahinareo manahake ty nagnomeane zane anareo. Vaho
iareo le hangalake hofanagnane ty tane zay nimey Yaveh Andragnahare nareo aiereo. Bakeo le himpoly agne a
my ty taneareo iareo vaho hangalake zane hofanagnane, aze tane zay nimey Yaveh anareo agne andafe Jordane,
zay hitsiriha iandroy.''[16]Bakeo iareo namale i Josoa, nanao tihoe: ''Reo iaby nandilianao anay le hataay, vaho na
aia na aia agnirahanao anay handehananay. [17]Hagnina anao zahay manahake ty nagninanay adre Mosesy. [18]Na ia
na iaze magnaraty reo lilinao naho ty tsy magnina reo rehagnao le hovonoenay. Maherea vaho managna herem-
po avao riha.''


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 2

[1]Le josoa andahy i Nona nagnirake roe lahy mangingike bakagne Sitima manahake ty mpagnaramaso. Reke
nanao tihoe: ''Mandena hente taneo, titena hente Jeriko.'' Le lasa nadeha iareo vaho niavy bamy ty tragno ty
somondrararaike aze klaihe tihoe Rahaba, le nitoboke ao iareo. [2]Nitalilie tamy mpanjaka i Jeriko tihoe: ''Ingo, avy
eto ty lahilahy Israely mbo hitsikilo taneo.'' [3]Le nandefa irake tamy Rahaba aze mpanjaka Jeriko vaho nanao
tihoe: ''Andeso miboke lahilahy zay niavy aminao ao rey vaho nilitse antragnonao aoy reo, lefa niavy mbo
hitsikilo ty tane raike iaby iareo.''[4]Nalae ampelay ajalahy reo ka natsiogne. Reke namale tihoe: ''Eka, niavy amiko
ato lahilahy reo , fetsinahafantatse ty nihavia iareo raho. [5]Nandeha iareo naho nihariva, tamy fotoa nihilia i
lakoroy. Tsy haiko ty nomba iareo. Mete hotraao iareo naho magne aze riha.''[6]Nefa nampanganihene ambone
tragno ao iareo vaho natsiogne tao amireo boka zay nandombofane iareo ambone tragno ao. [7]Ka nagnea aiereo
tegne andala mandeha amy ty sisindrano Jordane reo lahilahy. Vao miboake reo mpagne le nihile lakoroy.[8]Tsy
niazondro ajalahy rey tamihalekey, naho niavy amiereo ambone tragno aoampelay. [9]Hoe iareo tihoe: ''Fantaro
fanimey Yaveh areo ty tane vaho avy amiay ty tahotse anareo. Halemy agnatreha nareo eo reo iaby ze mitoboke
eto amy ty tane.[10]Reinay ty fomba nanamaiha Yaveh aze Riake Mena amy nareo niboake tagne Egypte nareo.
Reinay kea ty nataareo tamy mpanjaka Amorita roe tegne andafe i Jordane egne--- le Sehona naho Oga--- zay
vinona areo vatagne. [11]Vatagne vao reinay zay, le nalemy ty foay vaho tsy nisy herem-po tao amin'ia na ia-- te
Yaveh Andragnahare, Andragnahare ambone andagnitse agne naho antane etoy ambane.[12]Amizao areke, mba
ifantao raho amy ty alala Yaveh rie, halemy amy ty longo i babako nareo, arake ty hasoako taminareo kea. Meo
famantara azo antoko raho [13]te hamindra arofo amy ty fiaigny babako, ty reneho, reo rahalahiko, rahavaveko,
naho ty longone iaby nareo, vaho hagnavotse anay amy ty fate.''[14]Le hoe lahilahy reo tamine tihoe: ''Hotakalo amy
ty fiagnareo ty fiaignay, na le hoamy ty fate aza! Naho tsy mirehake reo raharaha riha, le hofeno
famindragnarofo naho hatoky anareo zahay naho famey Yaveh anay ty tane toy.''[15]Le nienga iareo niakatse
andafinete nizotso amy taly Reke. Niore tamy sisigny lakoroy aze tragno nitoboha iareoy. [16]Reke nanao tamy iareo
tihoe: ''Mandehana egne ankaboagney vaho mitsiofa naho tsy zay hohisagny aze mpagneagny nareo. Mitsiofa
agne agnate ty telo andro zisike ty iheregna mpagneagny. Bakeo vao orihop ty lalagnareo'' [17]Lahilahy reo nanao
tihoe: Tsy hovoafehe amy ty fampandignisa aze fifanta zay nataao nifantanay zahay, laha tsy manao zao riha.
[18]Laha fa niavy eto amity tane zahay, le tsy mainsty fehenao eo andafonete ty taly mena ze hanjotsoanao anay toy,
naho havorinao ato antragno ty raenao vaho ty renenao, reo anadahinao vaho ty foko ty raenao iaby. [19]Na ia ia
miakatre ty varavara ty tragnonao ho egne andaleke, le ho eo andohagniereo avao ty lione naho tsy ho meloke
zahay. Fa laha misy tagna tsotra eo amy iaby miarake aminao ato antragno, le ho eo andohanay ty lione.[20]Fa laha
mirehake momba ty raharahanay riha, le ho afake amity fifanta ze nampifanta nao anay zahay.'' [21]Le namale
rahaba ty hoe:'' Hatao anie ze rehafenareo.'' Nalefane iereo ka lasa. Bakeo namehe ty taly mena teo andafonete
re.[22]Lasa iereo naho nindeha niakatre tagne amireo tazoa ka nijano tegne zisike ty telo andro mandra-pihere reo
mpagnia iereo. Nipay nagnera ty lala iaby reo mpagnia naho tsy nahisake na ino ino.[23]Le nihere reo lahilahy roe
naho nitsake ka tafihere tagne amy Josoa anagn'i Nona, le nirehafe iereo tamine ty zaka iaby ze niseho tamiereo.
[24]Hoe iereo tamy Josoa ty hoe:'' Le fa natolo Yaveh antika vatane eo tane eo. Maleme iaby reo vahoake iaby ao
amity tane noho ty amintika.''


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 3

[1]Nifofa marandray ty Josoa, naho le niala tao Sitima iereo. Nimbaeo Jordana iereo, re vaho reo vahoake Israely
iaby, naho nitobe teo aloha ty nitsahane.[2]Afake telo andro, reo manam-pahefa le nindeha teo agnivo ty tobe;
[3]nadily ty ndaty iereo ty hoe:" Laha fa mahisake ty tomabile fifagnenkea Yaveh Zagnaharenareo nareo, vaho reo
mpisoro bakamireo Levita milanja zay, le ao hiala ty toera toy nareo ka hagnorike zay. [4]Ao hisy malalake roa
arivo metatre eo aminareo vaho zay. Ko miharine zay, mba hahafahanareo mahisake ty lala homba, satria mboe
tsy nindeha tamio lala ao nareo taloha."[5]Hoe ty Josoa tamity vahoake ty hoe:" Hamasigno ty vatanareo, fa hanao
fahagaga eo aminareo Yaveh." [6]Naho hoe ty Josoa tamireo mpisoro hoe:" Ento ty tomabile fifagnenkea, naho
mindehana eo agnoloa ty ndaty." Ka le nadrambe ty tomabile fifagnenkea iereo naho nindeha teo agnoloa ty
ndaty.[7]Hoe ty Yaveh tamy Josoa ty hoe:" Zao henanezao le hataoko lahilahy mahere eo amaso Israely iaby riha.
[8]Hahay iereo fa manahake ty nataoko i Mosesy, ro hataoko anao. Riha le handily reo mpisoro ze minday ty
tomabile ty fifagnenkea ty hoe:' Laha fa avy egne amoro ty rano Jordana nareo, le ao ho toly eo amity renerano i
Jordana."'[9]Le hoe Josoa tamity ndaty Israely hoe:" Mindehana atoy, naho dranjigno zao safa Yaveh
Zagnaharenareo zao. [10]Amity alala toy ro hahaianareo fa ty Zagnahare velo le eo aminareo naho handroake reo
Kananita, reo Hetita, reo Hivita, reo Perizita, reo Girgasit, reo Amorita naho reo Jebosita tsy ho eo agnoloa nareo.
[11]Ingo! ty tomabile ty fifagnenkea ty tompo ty tane iaby mitsake eo alohanareo ho ao Jordana.[12]Henanezao mifilia
ndaty roa ambinifolo bakamity foko Israely, lahilahy raike bakamity kirai-kiraike. [13]Laha fa mikasike ty rano
Jordana ty tombognireo mpisoro ze minday ty tomabile Yaveh, Tompo ty tane iaby, le ho tampake ty rano i
Jordana, naho na ty rano ze mirarake bakagne ambone aza le hijano hivory raike."[14]ka laha fa niala mba hitsake i
Jordana reo ndaty, le nindeha teo aloha reo ndaty reo mpisoro ze ninday ty tomabile ty fifagnenkea. [15]Laha vaho
avy teo Jordana reo ze ninday ty tomabile, naho niroboke teo amoro ty rano ty tombo iereo(naho ty rano Jordana
le nibey zisikegne amity sisine iaby zisike ty andro fihaza), [16]ty rano ze nikororoke nily bakagne ambone le nijano
ka nivory raike. Nijano bakegne lavitse le lavitse ty fily ty rano. Nijano nikororoke bakagne Adama, ty tana agnila
i Zaretana, zisikagne amity riake Negeva, ty Riake sira, ty rano. Nitsake niharine Jeriko ty vahoake.[17]Reo mpisoro
ze ninday ty tomabile ty fifagnenkea Yaveh le nijano teo amity tane maike teo agnivo Jordana zisike nitsaha ty
ndaty Israely iaby teo amity tane maike.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 4

[1]Laha fa tafitsake agne Jordana ty ndaty iaby, le nirehake tamy Josoa Yaveh ty hoe: [2]"Mifilia riha lahilahy roa
ambifolo amity vahoake, lahilahy raike aby isake ty foko. [3]Ameo iereo ty lily toy:' Mangala vato roa ambifolo
bakao agnivo i Jordana zay itsangana reo mpisoro eo amity tane maike, naho ento magnorike anareo zay naho
atoboho eo amity toera ze hiroroa nareo androany hale."'[4]Naho kinay Josoa reo lahilahy roa ambifolo ze le fa
nifiliene teo amireo foko Israely, raike isake ty foko. [5]Hoe ty Josoa tamiereo ty hoe:" Mindehana aloha ty tomabile
Yaveh Zagnaharenareo ao agnivo Jordana. Hinday vato egne amity sorone iaby nareo kirai-kiraike, arake ty
isagnireo foko ty vahoake Israely[6]Zay le ho famantara eo aminareo laha fa hagnotane anareo ty anagnareo
amireo andro hoavy ty hoe:' Ino ro dika reo vato reo aminareo?' [7]Naho hoe nareo amiereo ty hoe:' Nivakie teo
agnoloa ty tomabile ty fifagnenkea Yaveh ty rano Jordana. Laha fa nandrio teo amy Jordana zay, le vaky ty rano
Jordana. ka ho fahatiarova zisikezay ho ahy ty vahoake Israely reo vato reo."'[8]Ty vahoake Israely le nanao arake
zay nandilia Josoa aze, ka nangalake vato roa ambinifolo teo agnivo Jordana iereo, arake ty nirehafe Yaveh i
Josoa. Nampiakare iereo arake ty isa reo foko Israely ty isa reo vato. Niente iereo niarake tamiereo ty vato,
nimbaeo amity toera ze nitobea iereo naho natobone teo ambane teo. [9]Bakeo Josoa nametrake vato roa
ambinifolo teo agnivo ty renerano Jordana, teo amity toera ze nitsangana ty tombo reo mpisoro zay ninday ty
tomabile ty fifagnenkea. Agne zay fahatiarova zay zisikezao.[10]Reo mpisoro ze ninday ty tomabile le nitsanga teo
agnivo Jordana zisike ty hahalefe ty zaka iaby nandilia Yaveh ho rehafe Josoa tamireo vahoake, arake ze iaby le
fa nandilia Mosesy i Josoa. Nitsake malaky reo vahoake. [11]Laha fa tampetre iaby ty ndaty, le nitsake teo agnoloa ty
vahoake ty tomabile Yaveh vaho reo mpisoro.[12]Ty foko Robena, ty foko Gada, naho ty antsasa ty foko Manase le
nandrio taloha ty nilahara reo vahoake Israely manahake ty miaramila, arake ty nirehafe Mosesy tamiereo.
[13]Lahilahy voaoma hialy tokone ho efatre arivo ro nandrio teo agnoloa Yaveh, mba hialy egne amity tane lemake
Jeriko. [14]Tamio andro o le nataon'Agnahare bey teo amaso ty vahoake Israely iaby ty Josoa. Nagnomea hasy aze
iereo__manahake ty nagnomea iereo hasy i Mosesy__zisike ty androm-piaignane.[15]Naho nirehake tamy Josoa ty
Yaveh ty hoe: [16]"Ameo baiko reo mpisoro ze ninday ty tomabile ty vavolombelo mba hiala bakao Jordana."[17]Ka le
nagnomea baiko reo mpisoro ty Josoa hoe:" Miakara ao Jordana." [18]Laha fa niakatre bakao agnivo Jordana reo
mpisoro ninday ty tomabile Yaveh, naho niakatre tegne amity tane maike ty tombogniereo, le nihere tamity
toerane naho nilako ty morone ty rano Jordana, manahake ty tamity efatre andro aloha.[19]Niakatre bakao Jordana
reo vahoake tamity andro fahafolo ty vola voalohane. Nijano tao Gilgala iereo, antignana Jeriko. [20]Reo vato roa
ambifolo ze nalae iereo bakao Jordana, le natobo Josoa tao Gilgala. [21]Hoe re tamireo vahoake Israely ty hoe:" Laha
fa magnontane reo raene ty fokonareo amity andro hoavy ty hoe:" Ino reo vato reo?'[22]Rehafo ty ananareo ty hoe:'
Teo ro nitsaha Israely agne Jordana tamity tane maike.' [23]Nimaihe Yaveh Zagnaharenareo ho anareo ty renerano
Jordana, zisike ty hitsahanareo, manahake ty natao Yaveh Zagnaharenareo tamity riake mena, ze nimaihene ho
antika zisike ty hitsahantika, [24]mba hahaia ty ndaty iaby eto antane fa mahere ty tagna Yaveh, naho mba
hagnomea nareo hasy Yaveh Zagnaharenareo zisikezay."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 5

1 Vatane vaho rey reo mpanjaka Amorita iaby tagne amity llane antignana Jordana, vaho reo mpanjaka Kananita
iaby, ze tamoro ty sisy ty riake bey, fa Yaveh le fa nandany ty rano Jordana zisike hitsaha ty vahoake Israely, le
naleme ty arofo iereo, naho tsy nisy fagnahy sase tao amiereo noho reo vahoake Israely. 2 Tamize andro zay le hoe
ty Yaveh tamy Josoa ty hoe:" Magnamboara meso afovato naho tampaho ndraike reo lahy Israely iaby." 3 Naho
Josoa nagnamboatre meso afovato ka nanampake reo lahy Israely iaby tao Gibeata Haralota. 4 Zao ty anto
nanampaha Josoa iereo: ty lahy iaby ze niakatre agne Egypta, agnisa zay reo lahilahy mpialy iaby, le mate andala
tagne agnefetre, tafara ty niakara iereo bakagne Egypta. 5 Na le fa tampake iaby aza ty lahy iaby ze niakatre agne
Egypta, le mboe tsy nisy tamireo ajalahy terake andala tagne agnefetre niakatre agne Egypta ro vita savatse. 6 Fa
reo vahoake Israely le nindeha efapolo tao tagne egnefetre mandra-pahafate reo vahoake iaby, zane hoe, ty
lahilahy mpialy iaby ze niakatre agne Egypta, le mate, satria tsy nanenke ty feo Yaveh iereo. Nifanta tamiereo
Yaveh fa tsy hagnenga iereo hahisake ty tane zay nifantane tamity razambeiereo fa homeane iereo, le tane feno
ronono vaho tantele. 7 Ty anaiereo ro natsanga Yaveh teo amity toera iereo ze nanavara Josoa, satria tsy
voasavatre tegne andala iereo. 8 Laha fa voasavatre iaby iereo iaby, le nijano tao amize nitobea iereo mandram-
pisitragna iereo. 9 Naho hoe ty Yaveh tamy Josoa ty hoe:" Androany le fa nagnafake taminareo ty fahafaham-
baraka i Egypta Raho." Ka ty agnara zay toera zay le natao ty hoe Gilgala zisikezao. 10 Nitobe tao Gilgala ty vahoake
Israely. Nitana iereo ho ahy ty hariva ty fahefatre ambifolo ty andro ty vola ty Pasake, teo amity lemake Jeriko.
11 Nihina ty ilane tamity voka ty tane iereo tafara ty Pasake: mofo tsy misy masirasira, naho vare voaende. 12 Nijano
tamity andro tafara ty nihinana iereo ty voka ty tane ty mana. Tsy nisy mana ho ahy ty vahoake Israely sase, fa
nihina ty voka ty tane Kanana iereo tamize andro zay. 13 Laha fa teo agnila Jeriko Josoa, le nagnakatre ty masone
naho nanente, naho ingo, nisy lahilahy raike nitsanga teo agnoloane; nafahane ty mesone naho tegne antagnane
zay. Nimbaeo amy Josoa naho nanao ty hoe:" Aminay riha sa amireo fahavalonay?" 14 Hoe re:" Aha. Satria
mpibaiko ty tafike Yaveh raho. Avy raho amizao." Naho Josoa nihohoke tamity tane mba hanompo naho nanao
tamine ty hoe:" Ino ro rehafe ty tompoko amity mpanompone?" 15 Ty mpibaiko ty tafike Yaveh nirehake tamy
Josoa ty hoe:" Afaho amity tombonao ty Kapanao, satria ty toera ze itsangananao le masy." Le zay ro natao i Josoa.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 6

1 Naho nihily iaby ty filira iaby mbeo Jeriko noho ty tafike Israely. Tsy nisy niakatre naho tsy nisy nilitse tao. 2 Hoe
ty Yaveh tamy Josoa ty hoe:" Ingo, le fa nomeako teo antagnanao Jeriko, ty mpanjakanay, naho reo miaramila
nomanene. 3 Ao riha hanao liabey magnodidy ty tana, ty lahilahy mpialy ro mindeha magnodidy ty tana indraike
avao. Ao hanao zay zisike ty enegn'andro riha. 4 Mpisoro fito ro hinday trompetra fito vita amity trifan'ose eo
agnoloa ty tomabile. Amity andro fahafito le maintsy manao liabey magnodidy ty tana impito nareo, naho tsy
mitioke mafe ty trompetra reo mpisoro. 5 Bakeo le tsy mainsty mampagneno trompetra lavarene amity trifan'ose
iereo, ka laha fa maharey ty feon-trompetra riha le tsy maintsy mikorake amity korake mafe ty vahoake iaby,
naho hirotsake ty manda ty tana. Tsy maintsy hanafike reo miaramila, naho hindeha amity hitine iaby ty kirai-
kiraike." 6 Naho nikaike reo mpisoro ty Josoa anagn'i Nona ka nanao tamiereo ty hoe:" Ento ty tomabile ty
fifagnenkea, naho ao hisy mpisoro fito hinday trompetra trifan'ose fito ho eo aloha ty tomabile ty fifagnenkea
Yaveh." 7 Hoe re tamireo vahoake ty hoe:" Mindehana naho manaova liabey magnodidy ty tana, naho hindeha eo
aloha ty tomabile Yaveh reo lahilahy mitam-pialia." 8 Arake ze nirehafe Josoa tamity vahoake, le ninday trompetra
trifan'ose fito teo agnoloa Yaveh reo mpisoro fito. Laha nagnato igne iereo, le nitioke ty trompetra. Nagnorike
iereo bakao afara ty tomabile ty fifagnenkea Yaveh. 9 Nisy lahilahy mitam-pialia nindeha teo agnoloa reo mpisoro,
naho nitioke ty trompetrane iereo, fa nindeha niakatre bakao afra iereo kea reo mpiambe ty lala, naho nitioke ty
trompetrane iereo zisikegne reo mpisoro. 10 Fa Josoa nandily reo vahoake, nanao ty hoe:" Ko mikorake. Ao tsy hisy
feo hiakatre amity vavanareo zisike ty hiavia ty andro irehafako aminareo mba hikorake. Amizay avao nareo
vaho hikorake." 11 Ka nataone nindeha nagnodidy ty tana indraike avao ty tomabile Yaveh tamio andro o. Naho le
nilitse ty tobe iereo, le nitoboke tao antobe zisike ty hale. 12 Le nifoha maraim-bey ty Josoa, nalae reo mpisoro ty
tomabile Yaveh. 13 Nindeha mafe naho nitioke ty trompetra reo mpisoro fito, ty ninday reo trompetra fito trifan'ose
teo aloha ty tomabile Yaveh. Nisy miaramila mitam-pialia nindeha teo aloha iereo. Fa laha fa nindeha bakao
afara ty tomabile Yaveh reo mpiambe lala, le nagnakatre feo tsy mijano reo trompetra. 14 Nanao liabey nagnodidy
ty tana indraike avao ierero tamity andro faharoe naho nihere tagne antobe. Nanao zay zisike ty enegn'andro
iereo. 15 Tamity andro fahafito ro nindehana iereo maraim-bey, naho nanao liabey nagnodidy ty tana arake ty
fomba iereo avao iereo, fa impito tamity indraike toy. Tamio andro o ro nanaova iereo liabey impito nagnodidy ty
tana. 16 Tamity andro fahafito, tamireo mpisoro nitioke reo trompetra trifan'ose, ro nandilia Josoa reo vahoake ty
hoe:" Mikoraha! Fa le fa nomea Yaveh anareo ty tana. 17 Natoka ho ahy Yaveh ho fandrava ty tana vaho iaby ze
amine ao. Rahaba mpivaro-bata arere avao ro ho velo__re vaho iaby miarake amine ao antragnone__satria
nagnaja reo lahilahy nirahentika re. 18 Ty aminao kea, miambena amity fangala reo zaka voatoka ho ahy ty
fandrava, mba tsy hangalake na ino ino amizay riha, laha fa bake nasianao famantara ho ravae zay. Laha manao
zay riha, le hahavy ty tobe Israely ho zaka tsy maintsy ho ravae ka hinday koronta amizay. 19 Reo volafoty,
volamena, naho reo zaka iaby vita amity varahy vaho vy le voatoka ho ahy Yaveh. Tsy maintsy halefa ao amity
fitoeran-draketre Yaveh reo." 20 Laha fa nitioke ty trompetra iereo, le nikorake mafe ty vahoake naho nirotsake ty
manda, kay ka nihity nilitse ty ndaty iaby naho nambabo ty tana. 21 Rinava iereo tamity lela meso iaby ze tao
amity tana__ty lahilahy vaho ampela, ty kele vaho ty antetre, ty agnombe, ty agnondry naho reo borike. 22 Bakeo le
hoe ty Josoa tamireo lahilahy reo nijilo tao amity tane hoe:" Mindehana agne antragno ty mpivaro-bata. Ento
miakatre i ampelay vaho reo iaby ze miarake amine, arake ty nifantanareo tamine." 23 Ka le nilitre naho ninday i
Rahaba niakatre reo ajalahy roe mpijilo. Niente iereo niakatre ty raene, ty renene, reo anadahine, naho reo
longone ze niarake tamine. Niente iereo tagne amity toera raike ambaly ty tobe Israely iereo. 24 Noroa iereo ty tana
vaho ze tamine eo iaby. Ty volafoty, volamena, naho reo zaka vita amity varahy vaho vy avao ro natao tao agnate
ty fitoeran-draketre ty tragno Yaveh. 25 Fa nenga Josoa ho velo ty Rahaba mpivaro-bata, ty longon-draene, naho reo
iaby niarake tamine. Mitoboke agne Israely zisike zao re satria nagnaja reo lahilahy ze nirahe Josoa hijilo tao
Jeriko. 26 Naho tamize andro zay le nandily iereo tamity fifanta ty Josoa, naho nanao ty hoe:" Voaozo eo amaso
Yaveh anie ze ndaty magnere magnore ty tana toy, le i Jeriko. Amity arofo ty anane lahy voalohane ro hanaovane
fotora, naho amity arofo ty anane faralahy ro hananganane ty vavahadine." 27 Ka le niaro Josoa ty Yaveh, naho
niele nagnera ty tane ty lazane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 7

[1]Fa ty vahoke Israely tsy natoky nagnoloa reo zaka natoka ho amity fandrava. Hakana anadahign'i Karmy vaho
zafe i Zabdia naho zafeafei Zera, bakamity foko i Joda le nangalake zaka tao amize natoka ho amity fandrava, ka
nirehetre tamity vahoake Israely ty helon'Agnahare.[2]Josoa le nandefa lahilahy bakao Jeriko nimbaeo Ay, ty agnila
i Bety Avena, antignana i Betela. Hoe re tamiereo hoe:" Miakara ka jilovo ty tana." Ka niakatre reo lahilahy naho
nijilo tao Ay. [3]Laha fa nihere teo amy Josoa iereo, le hoe iereo tamine ty hoe:" Ko alefa miakatre agne Ay ty
vahoake iaby. Lahilahy roa arivo na telo arivo avao halefa hanafike agne Ay. Ko mandrerake ty vahoake iaby
agne amity aly, satria tsiampe isake iereo."[4]Ka teo amity lahilahy telo arivo ro niakatre bakamireo tafike, fa nilay
ty lahilahy Ay iereo. [5]Reo lahilahy Ay le nahafate teo amity ene amby telopolo lahy teo laha fa nagnia iereo zisikeo
amity vavahady ty tana zisikegne amity toera famoteham-bato, naho nivonoe iereo tegne ampizotsoa ty tazoa
iereo. Natahotre ty arofognireo vahoake ka niala tamiereo ty herem-pone.[6]Bakeo le niriate Josoa ty akanjone. Re
vaho reo olobey Israely le nagnisy deboke ty lohagniereo naho nagnohoke ty vatagniereo teo amity tane teo
agnoloa ty tomabile Yaveh, nijano teo zisike hariva. [7]Le nirehake ty Josoa hoe:" Oh, ry Yaveh Tompo, nagnino ro
nientenao nitsake agne Jordana reo vahoake reo? Mba hanolotre anay eo antagna reo Amorita mba haharava
anay vao? Laha mba nana fanapahan-kevetse sambehafa kea zahay le nijano tegne andafe i Jordana![8]Tompo oh,
ino ro azoko rehafe, fa le fa nignamboho teo agnoloa ty fahavalo iereo ty Israely? [9]Satria reo Kananita vaho reo
vahoake ty tane iaby le naharey ty momba zay. Hagnodidy anay iereo naho hampagnaligno ty agnaranay amity
ndaty ty tane. Ka ino ro hataonao ho ahy ty agnaranao bey?"[10]Hoe ty Yaveh tamy Josoa hoe:" Mitsangana!
Nagnino riha ro magnohoke ty vatanao eo? [11]Nidiso ty Israely. Nandika ty fagnenkeako ze nandiliako aze iereo. Le
fa nangalatre ty ilane tamireo zaka ze voatoka iereo. Le fa nangalatre iereo naho bakeo kea le nagnaja ty
hadisoane tamity fanaova reo ze le fa nalae iereo ho nama ty fanagnane arere. [12]Voka zay, tsy afake nitsanga teo
agnoloa reo fahavalogniereo ty vahoake Israely. Nagnamboho ty fahavalone iereo satria le fa natoka ho amity
fipoteha ty vatagniereo. Tsy hiarake aminareo sase Raho laha tsy mamoteke ty zaka ze tokone potehe nareo,
kanefa mboe aminareo eo.[13]Mitsangana! Hamasino amiko ty ndaty naho ambarao iereo ty hoe:' Hamasino ho ahy
ty hamaray ty vatanareo. Satria Yaveh, ty Zagnahare Israely nanao ty hoe:" Misy reo zaka ze natoka ho potehe
mboe aminareo eo, ry Israely. Tsy afake mitsanga handietse reo fahavalonareo nareo laha tsy magnafake
aminareo eo reo zaka iaby ze natoka ho potehe."'[14]Amity maray, le tsy maintsy manolotre ty vatanareo amity
fokonareo nareo. Ty foko ze nifilie Yaveh le hiharine ty longo maro iereo. Ty longo maro ze nifilie Yaveh le tsy
maintsy miharine ty isan-tragno. Ty tokatragno ze finily Yaveh le tsy maintsy mifankarine kirai-kiraike. [15]Naho ty
raike ze finily vaho mana reo zaka ze natoka ho amity fahapoteha, le ho oroa, re vaho ze fanagnane iaby, satria
nandika ty fagnenkea Yaveh re naho satria nanao zaka magnafabaraka tao Israely."'[16]Laha zao, nifoha maray
Josoa naho ninday Israely niharine, isam-poko, naho voafily ty foko i Joda. [17]Niente Josoa niharine reo foko i Joda,
naho voafily ty foko i Zeraita. Nientene niharine isagn'ondaty ty foko i Zeraita, naho voafily ty Zabdia. [18]Nientene
niharine ty foko i Zabdia, nindeha kirai-kiraike isagn'ondaty, naho Akana anadahign'i Karmy, zafe i Zabdia,
zafekele Zera, bakamity foko Joda, ro voafily.[19]Naho hoe Josoa tamy Akana hoe:" Ry zanako lahy, ambarao eo
agnoloa Yaveh, ty Zagnahare Israely ty mare, naho ameo aze ty fiain-kelonao. Mba ambarao ahy re ze nataonao.
Ko ahaja amiko zay." [20]Namale Josoa i Akana hoe:" Mare vatane, fa nidiso tamy Yaveh, ty Zagnahare Israely raho.
Ezao ro nataoko: [21]Laha fa nahisake akanjo lava soa teo amireo zaka babo bakao Babylona, vaho volafoty
roanjato sekele, naho anjam-bolamena milanja dimampolo sekele raho, le nagniry reo ka nangalake reo. Ao
agnivo ty tragnoko ao agnate tane reo ro nahaja, naho ao ambane zay ty volafoty."[22]Nandefa irake ty Josoa, zay
nilay nimbaeo amity tragno naho tao reo zaka reo. Laha fa nanente iereo, le nahisake zay nahaja tao amity
tragnone arere, naho ty volafoty teo ambane zay. [23]Nalae iereo teo agnivo ty tragno reo zaka reo naho niente iereo
tagne amy Josoa vaho reo vahoake Israely iaby. Naily iereo teo agnoloa Yaveh zay.[24]Bakeo Josoa, vaho ty Israely
iaby niarake tamine, nangalake i Akana anadahign'i Zera, vaho ty volafoty, ty akanjo lava, ty anjam-bolamena,
reo anadahine vaho anak'ampelane, reo agnombene, ty tragnone, naho iaby ze anagnane, ka nientene niakatre
tagne amity tazoa i Akora iereo.[25]Le hoe Josoa ty hoe:" Nagnino ro nampidi-doza anay riha? Hampidi-doza anao
Yaveh amizao." Nitora-batovato aze ty Israely iaby. Naho tinora iereo vato ty sisa naho nagnoro iereo tamity afo.
[26]Nananga antontam-bato bey teo ambonene iereo ze mboe eo zisikezao. Nijano tamity helone mirehetre ty
Yaveh. Laha zao ro nikaiha ty agnara io toera ao ty hoe Tazoa i Akora zisikezao.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 8

1 Hoe ty Yaveh tamy Josoa:" Ko matahotre; ko kivy. Ento miarake aminao ty vahoake mpialy iaby. Mindehana
miakatre agne Ay. Ingo, le fa natoloko eo ampelatagnanao ty mpanjaka i Ay, ty vahoakene, ty tanane, vaho ty
tanene. 2 Anovo manahake ty nanaovanareo Jeriko vaho ty mpanjakane ro hanaovanareo i Ay vaho ty
mpanjakane, feie halaenareo ho anareo ty babo vaho ty biby hare. Agnisio mpanafike mihaja ao ambalike ty
tana." 3 Ka le nitsanga ty Josoa naho nangalake reo lahilahy mpialy iaby hiakatre ho agne Ay. Bakeo ty Josoa nifily
lahilahy telo ale__lahilahy mahere bey herem-po__naho nalefane iereo ty haleke. 4 Nibaiko aze iereo ty hoe:" Ingo,
hanao fanafiha mihaja ty tana nareo, ao ambalike zay. Ko mihalavitre ty tana, fa sambe mivognona nareo iaby.
5 Zaho vaho reo lahilahy miarake amiko le hiharine ty tana, naho laha fa miakatre hanafike antika iereo, le hilay
iereo manahake ty taloha tika. 6 Hagnia baka afarantika iereo zisike hiaviane lavitse ty tana. Hirehake iereo ty
hoe:' Milay lavitse antika iereo manahake ty natao iereo tamity farane.' Ka hilay hihalavitse iereo tika. 7 Bakeo le
hiakatre amity toeram-piereanareo nareo, naho hangalake ty tana. Hagnomey zay egne ampelatagna nareo
Yaveh Zagnaharenareo. 8 Laha fa azonareo ty tana, le ho oroanareo zay. Hataonareo zay laha fa magnenke ty lily
ze nomea tamity reha Yaveh. Ingo, le fa nandily anareo raho." 9 Nalefa Josoa iereo, ka lasa tagne amity toeram-
pihaja iereo, naho nietake teo agnivo Betela vaho Ay tao ahandrefa Ay. Fa niroro teo amity vahoake ty Josoa ty
haleke igne. 10 Nifoha maray ty Josoa ka nagnoma reo miramilane, Josoa vaho reo olobey Israely, ka nanafike reo
vahoake Ay iereo. 11 Niakatre reo lahilahy mpialy iaby ze niarake tamine ka namonje ty tana. Niavy niharine ty
tana iereo naho nitobe teo avara i Ay. Naho nisy baibo raike ro ampagnivoa iereo vaho Ay. 12 Nangalake lahilahy
teo amity dime arivo teo re naho nandefa iereo tao amity fihaja ahandrefa ty tana teo agnivo Betela vaho Ay.
13 Nalaha iereo ty miaramila iaby, ty tafike bey nimbaeo avara ty tana, naho ty mpiambe lala tao ahandrefa ty
tana. Nindeha tao amity baibo Josoa ty hale igne. 14 Naho laha vaho nahisake izay ty mpanjaka Ay, le nifoha maray
re vaho ty tafine naho niakatre mba hanafike Israely tagne amity toera tandrife ty baibo ty renerano Jordana. Tsy
fanatane fa nisy fandrike nandy hanafike bakao ambalike ty tana re. 15 Nagnenga ty vatane iereo ho rese teo
agnoloa iereo ty Josoa vaho ty Israely iaby, naho nilay tagne amity tane efetre iereo. 16 Ty ndtay iaby ze tao antana
le nifampikaike hagnia iereo, ka nagnia tafara Josoa iereo ka voaroake lavitse ty tana. 17 Tsy nisy ty sisa ty lahilahy
tagne Ay vaho Betela ze tsy mboe niakatre nagnia Israely. Niala ty tana iereo naho nagnenga zay hivoha laha
nagnia i Israely. 18 Hoe ty Yaveh tamy Josoa hoe:" Tondro eo amy Ay ty lefo ze antagnanao, fa hameako eo
antagnanao ty Ay." Nitana Josoa nanandrife ty tana ty lefo ze tegne antagnane. 19 Reo miaramila nihaja tao amity
fandrike le niala tsiela niakatre ty toerane laha namototre ty tagnane re. Nilay iereo naho nilitse tao antana naho
nangalake zay. Noroa iereo malaky ty tana.
21 Laha fa hisa Josoa vaho Israely iaby fa le fa azo ty tafike mihaja ty tana niarake tamity setroke miakatre, le
nihere teo iereo9 naho namono ty ndaty i Ay. 22 Reo miaramila Israely hafa, reo ze niakatre ty tana, le niakatre
hanafike iereo. Ka tratre tao agnivo ty tafike Israely reo ndaty Ay, ty ilane bakao agnilane naho ty ilane bakao
agnilane kea. Nitafihe Israely ty ndaty Ay; tsy nisy na le raike tamiereo valo na nilay. 23 Nalae iereo ty mpanjaka
Ay, zay tsinepa iereo velo, naho niente iereo teo amy Josoa re. 24 Lah fa tampetre reo vahoake Ay iaby tagne
ambaibo agnila ty tane efetre ze nagniagna iereo aze Israely, naho laha fa tonta tamity lela meso iereo iaby,
hatramity farane vatane, le nihere tane Ay ty Israely iaby. Nitafihe iereo tamity lela meso zay. 25 Reo iaby ze mate
tamio andro o, lahilahy vaho ampela miharo, le roa arivo vaho ray ale, te vahoake iaby tao Ay. 26 Tsy nagnemotre
ty tagnane zay navotone laha fa nita ty lefone ty Josoa, mandram-pamotehane iaby ty vahoake iaby tao Ay. 27 Ty
biby hare vaho ty zaka babo tao antana avao ro nalae Israely ho ahy iereo, arake ty nandilia Yaveh i Josoa.
28 Noroa Josoa ty Ay naho navaline ho tragno rava zisikezay zane. Lasa tana taloha zay hatramizao. 29 Nahantone
teo amity hetae ty mpanjaka i Ay zisike ty hariva. Laha fa nitsofotre ty masoandro, le nognomey ty lily Josoa ka
nalae iereo hizotro amity hetae ty fate tympanjaka naho natora iereo teo agnoloa ty vavahady ty tana. Teo ro
nanangana iereo vato maro bey tambone zay. Mboe mitoboke eo zay vato zay zisikezao. 30 Bakeo ty Josoa
nagnamboatre alitara ho ahy Yaveh, ty Zagnahare Israely, tao ambohitse Ebala, 31 arake ty nandilia Mosesy
mpanompo Yaveh ty vahoake Israely, arake ty le fa voasoratre tao amity boke ty lily Mosesy ty hoe:" Alitara raike
ho ahy ty vato voavoatre, ze tsy nisy na ia ia nampiasa zaka vy tamizay." Nanolotre soro oroa ho ahy Yaveh teo
ambone alitara re, naho nanao sorom-pindongoa iereo. 32 Teo, teo agnoloa ty vahoake Israely, le nanoratre ty dika
mitovy tamity lily Mosesy teo amity vato re. 33 Reo Israely iaby, reo olobey, reo manam-pahefa, vaho reo mpitsara
iereo le nitsanga teo amity lafity ty tomabile roe teo agnoloa reo mpisoro vaho Levita ty ninday ty tomabile ty
fifagnenkea Yaveh__ty vahiny manahake ty tompon-tane__le nitsanga teo agnoloa ty vohitse Gerzima ty antsasa
iereo naho nitsanga teo agnoloa ty vohitse Ebala ty antsasane raike hafa. Nitso-drano ty vahoake Israely iereo,
arake ty nandilia Mosesy7 mpanompo Yaveh8 iereo tamity voalohane. 34 Tafara zay, le vinaky Josoa reo reha ty lily


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

iaby, reo fitahia vaho ozo, arake ze le fa voasora iereo ao amity boke ty lily. [35]Tsy nisy na le rehake raike aza tsy nivakie Josoa tamireo nandilia Mosesy teo agnoloa ty vondro Israely, agnate zay reo ampela, reo kolo, naho reo vahiny ze nitoboke teo amiereo.

Chapter 9

1 Naho reo mpanjaka iaby ze nitoboke tagne andafe Jordana tagne amity tane tazoa, vaho tagne amireo lemake
amoron-driake ty Riake bey tandrife Libanona__reo Hitita, Amorita, Kananita, Perizita, Hivita, naho reo
Jebosita__ 2 reo le niraike ho eo ambane fifehea raike, mba hananga aly amy Josoa vaho Israely. 3 Laha fa rey reo
vahoake Gibeona ze natao Josoa tamy Jeriko vaho tamy Ay, 4 le nanao hevetse fahihira iereo. Nindeha ho irake
iereo. Ninday kitapo riatre iereo naho nasampene tamity borike iereo. Ninday siny holitse zay riatre, rovitse,
vaho le fa namboare avao kea iereo. 5 Kapa riatre vaho mitampe ro tegne antombo iereo, naho nisiky faela, siky
riatre. Reo mofo iaby tao amity fitoeram-batse iereo le kina vaho bobongolo. 6 Le nindeha tagne amy Josoa tagne
antobe tagne Gilgala iereo ka nirehake tamine vaho tamireo lahilahy Israely ty hoe:" Le fa nindeha bakagne
amity firene vatane lavitse zahay, ka amizao manaova fifankea aminay." 7 Hoe reo lahilahy Israely tamireo Hivita
ty hoe:" Asa nareo mitoboke marine anay avao. Hataonay akore ty hanao fifagnenkea aminareo?" 8 Hoe iereo
tamy Josoa:" Mpanomponao zahay." Josoa namale iereo ty hoe:" Fa ia nareo? Baka aia ro niboahanareo?" 9 Hoe
iereo tamine:" Bakagne amity tane vatane lavitse mpanomponao toa, noho ty agnara Yaveh Zagnaharenareo.
Reinay ty tatetre momba aze vaho momba iaby ze nataone tagne Egypta__ 10 naho iaby ze nataone tamireo
mpanjaka ty Amorita roe tagne andafe Jordana__tamy Sihona mpanjaka i Hesbona, vaho tamy Oga mpanjaka i
Basana te tagne Astarta. 11 Hoe reo beinay vaho reo vahoake iaby tagne amity firenenay taminay ty hoe:' Mindaisa
vatse egne antagnanareo ho amity lia. Mindehana mifanoje amiereo naho ambarao iereo hoe:" Mpanomponareo
zahay. Manova fifagnenkea aminay." 12 Toy ty mofonay, mboe nafana toy tamy zahay nangalake aze toy tagne
antragnonay tamity andro nindenanay hombaminareo atoy. Kanefa zao, ingo, maike vaho bobongolo toy. 13 Ty
kitapo holitse toa le vaovao tamity nagnomeanay aze eo, le ingo, mite iereo amizao. Reo siky vaho reo kapanay le
simba noho ty lia tena lavitse."' 14 Le nangalake tilane tamity vatsene reo Israelita, nefa tsy nangalake hevetse tamy
Yaveh iereo ho fitarike. 15 Josoa nilongo tamiereo vaho nanao fifagnenkea tamiereo, mba hagnenga iereo ho velo.
Reo mpitarike ty vahoake avao kea le nanao vava tamiereo. 16 Telo andro tafara ty nanaova reo Israelita zay
fifagnenkea zay tamiereo, le hay iereo te hay mpiray mone iereo naho nitoboke nifankarine teo. 17 Bakeo le
nindeha ty vahoake Israely naho niavy tagne amity tana iereo tamity andro fahatelo. Ty tana iereo le Gibeona,
Kefira, Berota, naho Kiriata Jearima. 18 Tsy nanafike iereo ty vahoake Israely satria reo mpitarike iereo le fa nanao
fifanta momba8 aze teo agnoloa Yaveh, Zagnahare Israely. Nimenomeno reo Israelita iaby reo mpitarike iereo.
19 Ka heo reo mpitarike iaby tamity vahoake iaby:" Nanao fifanta nahakasike iereo tamy Yaveh, Zagnahare Israely
zahay, naho tsy afake hanao raty iereo tika amizao. 20 Zao ro hataontika amiereo: Mba hiala amity heloke ze mete
hisy amintika noho ty fifanta nifantantika tamiereo, le engantika ho velo iereo." 21 Hoe reo mpitarike tamity
vahoake iereo:" Engao iereo ho velo." Laha zao, reo Gibeonita le lasa mpanapa-ketae vaho mpantsaka rano ho
ahy reo Israelita iaby, arake ze nirehafe reo mpitarike momba iereo. 22 Nikaike iereo Josoa ka nanao ty hoe:"
Nagnino nareo ro namitake anay laha nanao ty hoe:' Tena lavitse anareo zahay,' nefa nareo mitoboke eto
aminay? 23 Amizao, noho zay, le voaozo nareo naho ty ilane aminareo le ho andevo avao, reo ze manampa-ketae
vaho mantsaka rano ho ahy ty tragnon'Agnahareko." 24 Namale Josoa iereo ka nanao ty hoe:" Satria nirehafe
tamitoa mpanomponao fa Yaveh Zagnaharenao nandily Mosesy mpanompone mba hagnomea anao ty tane iaby,
naho hamoteke reo vahoake ty tane iaby eo agnoloanao__laha zao le natahotre mafe ty amity arofone zahay noho
riha. Zay ro nahavy anay nanao zao zaka zao. 25 Amizao, ingo, tano amity fahefanao zahay. Na ino ino ty soa vaho
mare aminao hatao aminay, le anovo zay." 26 Le zao ro natao Josoa ho ahy iereo: nafahane tsy ho eo ambane
fifeheza ty vahoake Israely iereo, naho tsy vinono reo Israelita. 27 Natao Josoa mpanampake hetae vaho mpantsaka
rano ho ahy ty fiarahamone, vaho ho ahy ty alitara Yaveh reo Gibeonita tamio andro o, zisike androany, eo amity
toera zay filie Yaveh.

Chapter 10

[1]Naho laha fa rey Adoni-zedeka, mpanjaka i Jerosalema, fa babo Josoa ty Ay naho pinotene vatane zay (manahake
ty nanaovane Jeriko vaho ty mpajakane), reine avao kea fa le fa nilongo ty vahoake Gibeona vaho ty Israely naho
niara nitoboke iereo. [2]Le natahotre vatane ty vahoake Jerosalema satria Gibeona le tanam-bey, manahake ty raike
amireo tanan-droandria. Bey tane Ay zay, naho ty lahilahy le mpialy mahere iabike.[3]Laha zao Adoni-zedeka,
mpanjaka Jerosalema, le nandefa talily tagne amy Hohama, mpanjaka Hebrona, tagne amy Pirama, mpanjaka
Jarmota, tagne amy Debira, mpanjaka Eglona ty hoe: [4]"Miakara amiko atoy naho ampeo raho. Ndao ho tafihentika
ty Gibeona satria iereo le fe nilongo tamy Josoa vaho tamity vahoake Israely."[5]Reo mpanjaka dime Amorita, ty
mpanjaka Jerosalema, ty mpanjaka Hebrona, ty mpanjaka Jarmota, ty mpanjaka Lakisy, naho ty mpanjaka
Eglona le niakatre, iereo vaho reo tafine iaby. Nametrake ty hevetse handiera i Gibeona iereo, naho nanafike zay.
[6]Nandefa talily tagne amy Josoa vaho tagne amity tafike tagne Gilgala ty vahoake Gibeona. Hoe iereo ty hoe:"
Malaky! ko afaha eo amity mpanomponareo tyn tagnanareo. Miakara malaky atoy aminay, naho vonjeo zahay.
Ampeo zahay, satria reo mpanjaka ty Amorita iaby mitoboke egne amity tane tazoa le fa niharo raike mba
hanafike anay." [7]Niakatre bakagne Gilgala ty Josoa, re vaho reo lahilahy mpialy iaby niarake tamine, naho reo
lahilahy mpanafike iaby.[8]Naho Yaveh nirehake tamy Josoa hoe:" Ko matahotre iereo. Le fa nomeako ho eo
antagnanao iereo. Tsy hisy na raike amiereo hanaka ty fagnahinao."[9]Niavy tampoke teo amiereo Josoa, laha fa
nindeha zisike ty hale iaby bakagne Gilgala. [10]Nasafotofoto Yaveh teo agnoloa Israely ty fahavalo, naho Israely
namono iereo tamity famonoa bey tao Gibeona naho nagnia iereo tamity lala miakatre mbaeo Beti-horona, naho
iereo namono iareo tegne andala mbaeo Azeka vaho Makeda.[11]Laha nilay ty Israely iereo, nizotro ty vohitse
bakagne Beti-horona, Yaveh nanorake vato bey bakegne amity lagnitse teo ambone iereo tamity lala iaby mbaeo
Azeka, naho mate iereo. Maro reo mate ty havandra tane ty mate ty meso reo lahilhay Israely.[12]Naho Josoa
nirehake tamy Yaveh tamity andro nagnomea Yaveh ty lahilahy Israely fandresea teo agnoloa reo Amorita. Zao ty
reha Josoa tamy Yaveh teo agnoloa Israely:" Ry masoandro, mijanogna ao Gibeona, naho ty vola, ao amity baibo
Aialona."[13]Le nijano ty masoandro, naho nijano ty vola zisike ty hamalea ty firene fate reo fahavalone. Tsy
voasoratre ao agnate Boke Jasara vao zay? Ty masoandro nijano teo agnivo ty raho; tsy nitsofotse le fa ho andro
raike zisike zay. [14]Tsy nisy andro hafa manahake zay taloha na tafara io, laha fa nanenke ty feo ty ndaty Yaveh.
Satria Yaveh le nialy ho ahy Israely.[15]Nihere tagne antobe tagne Gilgala Josoa vaho reo Israely iaby niarake
tamine. [16]Reo mpanjaka dime nilay vaho nietake tao agnate lava-bato tao Makeda. [17]Le nirehafe tamy Josoa zay ty
hoe:" Le fa hisake iereo!__mietake ao agnate lava-bato ao Makeda reo mpanjaka dime!"[18]Hoe ty Josoa ty hoe:"
Magneregna vato bey eoamba ty lava-bato naho mametraha miaramila ao mba hiambe iereo. [19]Fa ko mijano
nareo. Hiagno ty fahavalonareo naho tafiho bakao afara iereo. Ko enga hilitse ty tana iereo, satria Yaveh
Zagnaharenareo le fa nanolotre iereo ho eo antagnanareo."[20]Josoa vaho reo anagn'Israely le fa namoteke iereo
tamity famonoa bey, zisike hahapoteke iereo vatane; reo ze sisa velo avao ro afake nilay namonje ty tana manda.
[21]Naho ty miaramila iaby nihere ampilamina tagne amy Josoa tao antobe tao Makeda. Tsy nisy na raike nahavany
nirehake mandietse ty vahoake Israely.[22]Naho Josoa nanao ty hoe:" Sokafo ty lava-bato naho ento miakatre bakao
teo amiko reo mpanjaka dime." [23]Le natao iereo arake ze nirehafene. Niente iereo bakao andava-bato ho eo amine
reo mpanjaka dime__ty mpanjaka Jerosalema, ty mpanjaka Hebrona, ty mpanjaka Jarmota, ty mpanjaka Lakisy,
naho ty mpanjaka Eglona.[24]Laha fa niavy iereo teo amy Josoa reo mpanjaka, le nikaike ty lahilahy Israelyn iaby
re. Nirehake tamireo mpifehe ty miaramila ze niarake tamine tagne agnaly re ty hoe:" Atoboho eo amity vozone
ty tombonao." Le niakatre iereo naho nemetrake ty tombone teo amity vozogniereo. [25]Naho hoe re tamiereo ty
hoe:" Ko matahotre naho ko mivali-po. Mahereza vaho mimafea. Zao ro hatao Yaveh amireo fahavalonao iaby ze
indehananao hialy."[26]Naho Josoa namle vaho namono reo mpanjaka dime. Nahantone tamity hetae dime iereo.
Nihanto teo amity hetae iereo zisike hahariva ty andro. [27]Laha ty tsofotse andro igne, le nagnomea baiko Josoa, ka
nazotro iereo bakeo amity hetae iereo naho natorake tao agnate ty lava-bato ze nihajane. Nasia iereo vato bey ty
vava ty lava-bato. Mboe ao reo vato reo zisike androany.[28]Hoe zay, ro nambaboa Josoa i Makeda tamize andro zay,
vaho namonoane ty ndaty iaby tao tamity meso, agnate zay ty mpanjakane. Pinotene vatane iereo vaho reo zaka
velo iaby tao. Tsy nisy nengane ho velo. Manahake ty nataone tamity mpanjaka i Jeriko avao ro nataone tamity
mpanjaka i Makeda.[29]Niala bakao9 Makeda ho agne Libna Josoa vaho reo Israely iaby. Le nialy tamy Libna re.
[30]Nomea Yaveh ho eo antagna Israely avao kea zay__hatramity mpanjakane. Josoa nagnisy ty zaka velo iaby tao
tamity meso. Tsy nasiane nenga tao. Manahake ty nagnanovane ty mpanjaka i Jeriko avao ro nagnanovane ty
mpanjaka.[31]Naho nindeha bakao Libna ho agne Lakisy ty Josoa vaho reo Israely iaby niarake tamine. Nitobe tao
re naho nialy tamine. [32]Le natolo Yaveh teo antagna Israely ty Lakisy. Tamity andro faharoe ro nambaboa Josoa
aze. Naravane tamity meso ty zaka velo iaby tao, manahake ty nagnanaovane i Libna.[33]Naho Horama, mpanjaka



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Gazera, niakatre mba hagnampe i Lakisy. Fa Josoa nagnisy aze vaho ty tafine zisike ty nilaniane na le raike aza.
[34]Naho Josoa vaho reo Israely iaby niarake tamine niala bakao Lakisy ho agne Eglona. Nitobe tao vaho nialy tamy
iereo, [35]naho nambabo aze tamio andro o avao. Nagnisy zay tamity meso iereo naho nandrava vatane ty ndaty
iaby tao, manahake ty nagnanova i Josoa i Lakisy.[36]Naho nindeha bakao Eglona Josoa vaho reo Israely iaby ho
agne Hebrona. Nialy tamine iereo. [37]Nangalake iereo naho namofoke ty ndaty iaby tao tamity meso, agnate zay ty
mpanjaka vaho reo ana-bohine iaby magnodidy. Rinava iereo vatane ty zaka-velo iaby tao, tsy nisy nienga,
manahake ty nanaova Josoa i Eglona. Rinavane vatane zay, vaho reo zaka-velo iaby tamine ao.[38]Le nihere Josoa,
vaho ty tafike Israely iaby niarake tamine, ka nimbaeo Debira iereo naho nialy tamine. [39]Nangalake zay vaho ty
mpanjakane re, naho reo ana-bohine nagnenke iaby. Namofoke iereo tamity meso iereo, naho nandrava vatane
reo zaka-velo iaby tao amine. Tsy nisy nenga Josoa hindeha, manahake ty nagnanovane i Hebrona vaho ty
mpanjakane, vaho manahake ty nagnanovane i Libna vaho ty mpanjakane.[40]Josoa naharese ty tane iaby, ty tane
tazoa, Negeva, reo tane iva, naho reo foton-tazoa. Tsy nisy nengane hindeha na le raike tamireo mpanjakane iaby.
Rinavane vatane reo zaka-velo iaby, manahake ty le fa nandilia Yaveh, Zagnahare Israely. [41]Josoa namofoke iereo
tamity meso nanomboke tao Kadesy-bernea ka zisikagne Gaza, vaho ty tana ty Gosena iaby ka zisikagne Gibeona.
[42]Josoa nangalake ndraike reo mpanjaka iaby reo vaho ty tanene satria Yaveh, Zagnahare Israely, ro nialy ho ahy
Israely. [43]Naho Josoa, vaho reo Israelita iaby niarake tamine, le nihere tagne amity tobe tao Gilgala.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 11

1 Laha fa rey Jabina, mpanjaka i Hazora zay, le nandefa talily ho ahy Jobaba, mpanjaka i Madona, vaho ty
mpanjaka i Simrona, naho ty mpanjaka i Aksafa re. 2 Nalefane tagne amireo mpanjaka ze agne amity tane tazoa
avaratre, vaho tane amity baibo amity renerano i Jordana agne antimo Kinerota, vaho tane amity tane gebo,
naho tane amity tane tazoa Dora mbaeo ahandrefa avao kea aty ty talily. 3 Nandefa talily tagne amireo kananita
mbaeo antignana vaho ahandrefa, vaho tane amireo Amorita, reo Hetita, reo Perizita, reo Jebosita agne amity
tane tazoa, vaho tane amireo Hivita agne amity Vohitse Hermona agne amity tane i Mizpa avao kea re. 4 Niakatre
niarake tamiereo iaby ty tafike iereo iaby, miaramila maro agnisa, hoe ty faseke egne amoron-driake. Nana
soavale vaho kalese maro agnisa iereo. 5 Nifanoje tamity lera voatondro reo mpanjaka iaby reo, naho nitobe teo
amity rano i Meroma mba hialy amy Israely. 6 Hoe Yaveh tamy Josoa hoe:" Ko matahotre eo amity fiatreha iereo,
satria hamaray amize andro zao le manolotre iereo amy Israely iaby manahake ty nadty mate raho. Ho vonoe ty
soavale iereo, naho horoa ty kalese iereo." 7 Le avy Josoa vaho reo lahilahy mpialy iaby. Avy tampoke tagne amity
rano i Meroma iereo, ka nanafike ty fahavalo. 8 Natolo Yaveh teo antagna Israely ty fahavalo, naho nagnisy iereo
tamity meso vaho nagnia iereo tagne Sidona, Misrefota-maima, vaho tagne amity Baibo Mizpa agne antignana
iereo. Namono iereo re mandram-pilaniane. 9 Natao Josoa tamiereo arake ze nirehafe Yaveh tamine. Nataone
nandrava reo soavale naho noroane reo kalese. 10 Nihere ty Josoa tamize andro zay naho nangalake i Hazora.
Tinombone tamity meso ty mpanjaka tao. (Loha reo fanjakana iaby reo ty Hazora.) 11 Vinono iereo tamity meso ty
zaka-velo iaby ze tao, naho natokane ho ravae reo, ka le tsy nisy zaka-velo tavela. Bakeo noroane ty Hazora. 12 Lasa
Josoa iaby ty tana reo mpanjaka iaby reo. Tsinepane avao kea ty mpanjaka reo iaby naho tinombone tamity
meso. Rinavane vatane tamity meso iereo, arake ty nandilia i Mosesy mpanompo Yaveh. 13 Tsy nagnoro reo tana
niore tegne amity dogon-tane ty Israely, laha tsy Hazora. Io avao ro noroa Josoa. 14 Nalae ty tafike Israely ty babone
iaby bakamireo tana reo niarake tamity biby hare mba ho ahy iereo. Vinono iereo tamity meso ty ndaty iaby
mandram-pilaniane iaby. 15 Tsy nisy zaka-velo nenga iereo ho velo. Arake ty nandilia Yaveh i Mosesy
mpanompone, le manahake zay kea, ro nandilia Mosesy i Josoa, ka natao Josoa zay. Tsy nisy zaka nengane tsy ho
vita iaby ze nandilia Yaveh hatao. 16 Nalae Josoa iaby zay tane iaby zay. ty tane tazoa, Negeva iaby, ty tane Gosena
iaby, reo gebo amoron-tsirake, baibo y rano Jordana, ty tane tazoa Israely, naho reo tane gebo. 17 Zisikagne amity
vohitse Halaka agnila Edoma, vaho nagnavaratre lavitre manahake i Bala-gada taneb amity baibo agnila i
Libanona ambane ty Vohitse Hermona, le tsinepane iaby ty mpanjaka iereo naho vinonone. 18 Le fa ela Josoa ro
nialy tamireo mpanjaka iaby. 19 Tsy nisy tana nanao filongoa tamity tafike Israely laha tsy reo Hivita ze nitoboke
tagne Gibeona. Lasa Israely iaby reo tana sisa tavela agnaly. 20 Satria Yaveh ro nagnamafe ty arofo iereo, mba
hahafahane mamoteke vatane iereo tsy misy fandefera, arake ty nandilia Mosesy. 21 Bakeo avy Josoa Tamize andro
zay ka pinotene Anakima. Nataone tagne amity tane tazoa, tagne Hebrona, Debira, Anaba, naho reo tane tazoa
Joda iaby zay, vaho tane amity tane tazoa Israely iaby. Pinote Josoa vatane iereovaho reo tana. 22 Tsy nisy Anakita
sisa teo amity tane Israely laha tsy i Gaza, Gata, naho Asdoda. 23 Laha zao le lasa Josoa Iaby ty tane iaby, arake ty
safa Yaveh tamy Mosesy. Namea Josoa ho lova Israely zay, tinondro ho ahy reo foko kirai-kiraike. Bakeo ty tane
nijano amity aly.

## Chapter 12

[1]Naho intoa reo mpanjaka ty tane, rese reo lahilahy Israely. Nalae reo Israelita ty harea ty tane tane amity ilane
antignana Jordana ty hivakia ty andro, nanomboke teo amity baibon-driake Arnona zisikamity vohitse Hermona,
naho ty ArABA iaby zisikagne antignana. [2]Sihona, mpanjaka ty Amorita, le nitoboke tagne Hesbona. Nanjaka
zisikagne Aroera, ze eo amity sisy Harambato Arnona bakeo agnivo ty baibo re, naho ty antsasa Gileada
mitsororoke zisikagne amity rano Jaboka agne amity sisin-tane Amonita.[3]Nanjaka tamy Araba zisikagne amity
riake Kinerota kea ty Sihona, zisikagne antignana, zisikagne amity riake Araba (Rian-tsira) antignana, ty lala iaby
zisikagne Beti-jesimota vaho antimo, am-poto ty Vohitse Pisga. [4]Oga, mpanjaka i Basana, raike amity Refaima sisa,
le nitoboke tao Astarta vaho Edrehy. [5]Nanjaka tamity vohitse Hermona, Saleka, naho Basana iaby, zisikamity
faritane ty vahoake Gesorita vaho ty Makatita re, naho ty antsasa Gileada, zisikamity faritane Sihona, mpanjaka
Hesbona.[6]Nandrese iereo Mosesy mpanompo Yaveh, vaho ty vahoake Israely, naho Mosesy mpanompo Yaveh, ro
nanolotre ty tane ho fanagna reo Robenita, vaho Gadita, naho ty antsasa-poko Manase.[7]Toa reo mpanjaka ze rese
Josoa vaho ty vahoake Israely tagne ahandrefa Jordana, nanomboke tao Bala-gada ao amity baibo agnila
Libanona zisikagne ambohitse Halaka agnila Edoma. Nagnomea tane ho ahy reo foko Israely Josoa mba ho
fanagna iereo. [8]Nameane iereo ty tane tazoa, reo tane gebo, ty Araba, reo sisy reo vohitse, ty tane efetre, naho ty
Negeva__le ty tane reo Hetita, Amorita, kananita, Perzita, Hivita, naho reo Jebosita.[9]Reo mpanjaka le ahisaha ty
mpanjaka Jeriko, ty mpanjaka Ay ty eo agnila Betela, [10]ty mpanjaka Jerosalema, ty mpanjaka Enaima, [11]ty
mpanjaka Jarmota, ty mpanjaka Lakisy, [12]ty mpanjaka Eglona, ty mpanjaka Gazera,[13]ty mpanjaka Debira, ty
moanjaka Gadera, [14]ty mpanjaka Horma, ty mpanjaka Arada, [15]ty mpanjaka Libna, ty mpanjaka Adolama, [16]ty
mpanjaka Makeda, ty mpanjaka Betela,[17]ty mpanjaka Tapoa, ty mpanjaka Hefera, [18]ty mpanjaka Afeka, ty
mpanjaka Lasarona, [19]ty mpanjaka Madona, ty mpanjaka Hazora, [20]ty mpanjaka Simrona-merona, ty mpanjaka
Aksafa,[21]ty mpanjaka Tanaka, ty mpanjaka Megido, [22]ty mpanjaka Kadesy, ty mpanjaka Jokneama, [23]ty mpanjaka
Dora, ty mpanjaka Goyema agne Gilgala, [24]naho ty mpanjaka Tirza. Raike ambifolo ro isa ty mpanjaka iaby.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 13

[1]Naho le fa vatane antetre ty Josoa laha fa nirehake tamine Yaveh hoe:" Tena antetre vatane riha, kanefa mboe
maro reo tane ho alae.[2]Ty tane toy ze mboe sisa tavela: reo faritre iaby ao amity Filistina, naho reo iaby agne
Gesriana, [3](bakagne Sikora, ty agne antignana Egypta, vaho avatre ty sisy Akarona, ze dinehe ho fanagna reo
Kananita; reo mpandily dime reo Filistina, reo ze agne Zaga, Azota, Askalona, Geta, naho Akarona__reo faritre
reo Avita).[4]Agne antimo, le mboe misy ty tane reo kananita iaby, vaho Maara ze ho ahy reo Sidoniana, agne Afeka,
reo faritre reo Amorita; [5]ty tane reo Gebalita, reo Libanona iaby magnoloa ty fivakia ty nadro, zisikagne Bala-
Gada eo ambane ty vohitse Hermona ka zisikagne Lebo Hamata.[6]Fa kea, reo ndaty iaby agne amity tane tazoa
bakagne Libanona manahake Mserofota-Maima, angnate zay reo ndaty iaby agne Sidona. Handroake iereo aloha
reo tafike Israely. Alao antoke ty fagnomea ty tane Israely ho lova raike, arake ty nandiliako anao. [7]Zarao ze tane
zay ho ahy reo foko sive vaho ho ahy reo antsasa ty foko Manase.[8]Miarake amireo antsasa ty foko Manase, reo
Reobenita avho reo Gadita le nandrae ty lova ze namea Mosesy iereo tagne antignana Jordana, [9]agne Aroera, ze
eo amoro ty rano Arnona( agnate zay ty tana ze eo agnivo ty rano), ho ahy ty gebo iaby agne Medeba naho
zisikagne Dibona;[10]reo tana iaby agne Sihona, mpanjaka reo Amorita, ze mpanjaka agne Hesbona, zisikagne
amireo Amorita; [11]Gileada, vaho reo faritre agne Gesorita vaho Makatita, reo vohitse Hermona, reo Basana iaby
zisikagne Saleka; [12]reo fanjaka iaby Oga agne Basana, ze nanjaka tagne Astarta vaho Edrehy__reo ro sisa tavela
tamy Refaita__Namono iereo ty Mosesy naho nandroake iereo.[13]Fa reo ndaty Israely le tsy nandroake reo Gesorita
na Makatita. Fa kea, Gesora vaho Makata le nitoboke teo amireo Israely tamize andro zay.[14]Tamity foko Levy
arere ro tsy namea Mosesy lova. Reo faritre Yaveh, ty Zagnahare Israely, vita tamity afo, vaho reo lova iereo,
arake ty safan'Agnahare amy Mosesy.[15]Mosesy nagnomea lova tamireo foko Robena, isam-poko. [16]Ty faritre iereo
le bakagne amy Aroera, agne amoro ty rano Arnona, naho ty tana ze eo agnivo ty baibo, vaho agne amireo gebo
agnila i Medeba.[17]Nandrae Robena avao kea Hesbona vaho reo tana iaby ze agne amy, Dibona, vaho Bamota-Bala,
naho Beti-Bala-Meona, [18]Jahaza, Kedemota, vaho Mefata, [19]vaho Karia-taima, vaho Sibama, naho Zareta-sahara
egne ambonen-tazoa.[20]Nandrae i Beti-peora avao kea Robena, reo hanta Pisga, Beti-jesimota, [21]vaho reo tana ty
gebo, naho reo fanjaka i Sihona mpanjaka reo Amorita, ze nanjaka tagne Hesbona, ze rinese Mosesy niarake
tamireo mpitarike Madiana, Evi, Rekema, Sora, Hora, vaho Reba, ty roandria Sihona, ze nitoboke tao amity tane.
[22]Ty vahoake Israely avao kea le namono tamity meso i Balama anadahy Beora, ze nanao sikily, tamity sisa
tamireo ze vinono. [23]Ty rano Jordana ro sisy ty foko i Robena; zay ro sisin-tane iereo. Zay ro lova ty foko i Robena,
namea tamity isam-poko ty kirai-kiraike, niarake tamireo tana iereo vaho reo vohitse.[24]Zay ro namea Mosesy
tamity foko i Gada, isam-poko: [25]ty faritre iereo le Jazera, Reo tana i Gileada iaby vaho antsasa ty tana reo
Amonita, Aroera, ze agne antignana Raba, [26]agne Hesbona ka zisikagne amy Ramata-mizpa vaho Betonima, agne
Mahanaima agne amity faritre Debira.[27]ty amity baibo, Mosesy le namea i Beti-harama, Beti-nimra, Sokota,
Zafona, reo sisa tamity fanjaka Sihona mpanjaka Hesbona, miarake amy Jordana ho sisine, zisikamity fara ty
riake Kinereta, antignana ty andafe Jordana. [28]Zay ro lova ty foko Gada, isam-poko, miarake amireo tana vaho reo
vohitse.[29]Mosesy nagnomea lova tamity antsasa ty foko Manase. Zay le tinendre tamity antsasa ty foko ty ndaty
Manase, arake ty foko iereo. [30]Bakagne Mahanaima ty faritre iereo, i Basana iaby, ty fanjaka Oga mpanjaka i
Basana iaby, vaho reo tana Jaira iaby, ze tagne Basana, tana enem-polo; [31]antsasa Gileada, vaho Astarta naho
Edrehy (reo tana ty mpanjaka Oga agne Basana). Reo ro voatendre tamity foko Makira anadahy Manase__antsasa
ty ndaty Makira, ze namea ty kirai-kiraike amireo longone.[32]Zay ro ova ze tinendre Mosesy amy iereo teo amity
gebo Moaba, agne andafe Jordana antignana Jeriko. [33]Mosesy le tsy nagnomea lova ty foko Levy. Fa Yaveh, ty
Zagnahare Israely, ro lova iereo, arake ze nirehafene tamiereo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 14

[1]Toa iaby naho ty faritre ty tane ze niraese ty vahoake Israely ho lova iereo tagne amity tane Kanana, tinendre ho
ahy iereo tamy Eleazara mpisoro, tamy Josoa ana i Nona, naho tamity mpitari-poko ty longo ty raza iereo niarake
amity vahoake Israely.[2]Ty lova iereo le voamare tamity loka ho ahy reo sive vaho ty antsasa reo foko, arake ze
nandilia Yaveh tamity tana Mosesy. [3]Fa le fa namea Mosesy lova ty amity roe vaho antsasa reo foko tane andafe
Jordana, kanefa re tsy nagnomea lova reo Levita. [4]Fa laha ty mare le foko roe ty foko i Josefa, le Manase vaho
Efraima. Tsy namea anjara lova tane amity tane reo Levita, fa tane amireo tana ilane avao mba hitoboha, amireo
tanem-bilo ho ahy ty biby hare vaho reo zaka-famokara iereo. [5]Le nanao arake ty nandilia Yaveh i Mosesy ty
vahoake Israely, ka tinendre iereo ty tane.[6]Le niavy tagne amy Josoa tagne amy Gilgala ty foko Joda. Kaleba ana i
Jefona Kenizita, nirehake tamine hoe:" Hainao ze nirehafe Yaveh Mosesy ty lahilahin'Agnahare mikasike ahy
vaho riha tagne Kadesi-Barnea. [7]Efapolo tao raho laha nalefa i Mosesy mpanompo Yaveh bakagne Kadesi-Barnea
mba hisafo ty tane. Tinaoko tamine ndraike ty talily mba hatao arake ty tea ty foko hatao.[8]Fa reo rahalahiko ze
nindeha niakatre niarake tamiko nampaleme ty arofo ty vahoakene tamity tahotre. Nefa noriheko vatane Yaveh
Zagnahareko. [9]Nifanta Mosesy tamize andro zay, naho nanao hoe:' Azo antoke fa ty tane ze nindehana ty
tombonao le ho lova ho anao vaho ty ananao zisikagne, satria nagnorike vatane Yaveh Zagnahareko riha.'[10]Naho,
ingo! Yaveh nita ahy ho velo zisike ze dime amby efapolo tao zay arake ze nirehafene__tamity andro ze nirehafa
Yaveh ze rehake zay tamy Mosesy, zisike ty nindehana Israely tagne agnefetre. Naho ingo! Dime amby valompolo
tao raho amizao andro zao. [11]Mboe mafe zisikagne raho amizao andro zao manahake ty tamity andro nandroaha
Mosesy ahy. Ty ozako amizao le manahake ty ozako tamizay, tamity aly vaho tamity nindeha vaho nihere.[12]Ka
laha zao ameo ahy ty tane tazoa toy, ze nampagnantegna Yaveh ahy tamize andro zay. Satria reinao tamize andro
zay Anakita tagne amireo tana manda bey. Mete hiaro ahy Yaveh mba hahafahako mandroake iereo, arake ty
safa Yaveh."[13]Bakeo le nitso-drano aze Josoa naho nagnomea i Hebrona ho lova i Kaleba ana i Jefone. [14]Laha zao le
lasa mpandova ty Kaleba anadahy Jefone Kenizita ty Hebrona zisikezao, satria nagnorike Yaveh vatane re, ty
Zagnahare Israely. [15]Naho le Kiriata ro agnara Hebrona taloha. (Arba ro lahilahy bey vatane eo amy Anakita.) Le
nijano tamity aly ty tane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 15

[1]Ty anjara tane ty foko ty vahoake Joda, namea ty foko iereo, le nihabey niagnantimo nimbaeo amity sisin-tane
Edoma, niarake tamity efetre Sina ze fefe lavitre vatane agne antimo. [2]Ty sisin-tane iereo agne antimo le
nanomboke teo amity fara ty rian-tsira, ka zisikagne amity helo-drano ze magnoloa ty antimo.[3]Ty sisin-tane iereo
magnarake le niakatre tao antimo ty tazoa Akrabima naho nagnorike i Sina, vaho niakatre antimo Kadesy
Barnea, magnorike i Hezrona, naho miakatre i Adara, eo amize iola zay mbaeo Karka. [4]Nagnorike i Azmona,
nahazo ty baibon-driake Egypta, naho niafara tagne andriake zay. Zay ro faritane iereo antimo.[5]Ty sisin-tane
antignana le ty rian-tsira, eo ambava Jordana. Ty faritane agne avaratre le bakeo amity baibon-driake ty riake ka
zisikeo ambava Jordana. [6]Niakatre tao Beti-hogla naho nagnorike ty avara Bet-araba zay. Bakeo zay ke niakatre
nimbaeo amity Vato Bohana anadahy Robena.[7]Naho ty faritane le niakatre tagne Debira zisikagne amity baibon-
driake Akora, naho niagnavaratre, niodike nagnorike i Gilgala, ty tandrife ty tazoa Adomina, ze agne amity lafy
avaratre ty baibo. Bakeo ty faritane nagnorike ty loharano i Ensemesy naho nindeha tagne En-rogela. [8]Le
niakatre ty baibo Beni-Hinoma ka zisikagne amity lafy antimo ty tana ty Jebosita (zay, Jerosalema) ty faritane. Le
niakatre zisikagne amity fara ty tazoa ze manako ty baibo Hinoma, agne avaratre, ze ao amity farane avaratre ty
baibo Refaita zay.[9]Naho ty faritane nihabey zisikeo amity fara reo tazoa ka zisikagne amity loharano Neftoa, naho
niakatre bakeo ka zisikagne amireo tana teo ambohitse Efrona. Naho ty faritane le nagnodidy i Bala (mitovy amy
Kiriata-Jearima). [10]Naho ty faritane nagnodidy ty antignana Bala zisikagne amity Vohitse Seira, naho nagnorike
lafy ty vohitse Jearima agne avaratre (mitovy amy Kesalona), nizotro zisikagne Beti-semesy, naho nanampake i
Timna.[11]Niakatre agnila ty avara ty tazoa Ekrona ty faritane, naho le niodike i Sikerona vaho nagnorike ty Vohitse
Bala zay, bakeo le nimbaeo Jabniela zay. Niafara tao andriake ty faritane. [12]Ty sisin-tane ahandrefa le ty Riake bey
vaho ty morone. Io ro faritane magnodidy ty foko Joda, isam-poko.[13]Amity fiambena Josoa ty lily Yaveh, le
nagnomea i Kaleba anadahy Jefone anjara amity tane eo amireo foko Joda, Kiriata Arba, zay, Hebrona (Arba le
rae i Anaka) ty Josoa. [14]Nandroake ty ana i Anaka telo lahy tao ty Kaleba: Sesay, Ahimana naho Talmay, reo foko
Anaka. [15]Niakatre bakeo re handietse reo vahoake Debira (Debira le kinaike hoe Kiriata-sefera taloha).[16]Hoe
Kaleba hoe:" Ty ndaty ze nanafike i Kiriata-sefera vaho mahazo zay, le ho aze ro hagnomezako i Aksa
anak'ampelako ho valy." [17]Naho Otniela anadahy Kenaza, rahalahy Kaleba, laha fa nahazo zay, le namea Kaleba
aze ho valine ty Aksa anak'ampelane.[18]Andro fohe tafara zay, le nimbaeo amy Otniela ty Aksa naho narisine
hangatake baibo tagne amity raene re. Laha fa nizotro tamity borikene re, le hoe Kaleba tamine hoe:" Ino ro
paienao?"[19]Namale Aksa hoe:" Manova zaka miavake ho ahy, satria le fa nagnomea ahy ty tane Negeva riah: le
ameo ahy kea reo loharano ilane." Le namea Kaleba aze reo loharano ambone vaho reo loharano ambane.[20]Zay ro
lova ty foko Joda, namea reo fokone.[21]Reo tana ze ahy ty foko Joda agne amity farane antimo, amity faritane
Edoma, le Kabzela, Edera, Jagora, [22]Kina, Dimona, Adada, [23]Kadesy, Hazora, Itnana, [24]Zifa, Talema, Bealota .
[25]Hazora-hadata, Keriota-hezrona (io avao kea le hay tamity hoe Hazora), [26]Amama, Sema, Molada, [27]Hazara-gada,
Hesmona, Beti-paleta, [28]Hazara-soala, Beri-sheba, Biziotia.[29]Bala, le , Azema, [30]Eltolada, Kesila, Horma, [31]Ziklaga,
Madmana, Sansana, [32]Lebaota, Silima, Aina, naho Rimona. Reo ro tana sive amby roapolo ty fiharoane, miarake
amireo vohitre kelen e.[33]Tao amity tane tazoa iva vatane agne ahandrefa, le nisy i Estaola, Zora, Asna, [34]Zanoa, En-
ganima, Tapoa, Enama, [35]Jarmota, Adolama, Soko, Azeka, [36]Saraima, Aditaima, naho Gadera (zay, Gederotaima).
Efatre amby folo isake reo tana reo, miarake amireo vohitse kelene.[37]Zenana, Hadasa, Migdala-gada, [38]Dilana,
Mizpa, Joktela, [39]Lakisy, Bozkata, Eglona.[40]Kabona, Lamasa, Kitilisa, [41]Gederota, Beti-dagona, Nama, Makeda. Enina
ambifolo ty isa reo tana reo, miarake amireo vohitse kelene.[42]Libna, Atera, Asana, [43]Jifta, Asna, Neziba, [44]Kila,
Akziba, Maresa. Tana sive reo, miarake amireo vohitse kelene.[45]Ekrona, miarake amireo tana sive reo ana-bohine
magnodidy zay; [46]bakeo Ekrona ka zisikagne amity Riake bey, reo fitoera iaby ze agnila i Asdoda, miarake amireo
vohitse kelene. [47]Asdoda, reo tana vaho reo ana-bohine magnodidy zay; Gaza, reo tana vaho reo ana-bohine
magnodidy zay; zisikagne amity baibon-driake Egypta, naho zisikagne amity riake bey miarake amity
morontsirake zay.[48]Ao amity tane tazoa, Samira, Jatira, Soko, [49]Dana, Kiriata-sana (zay, Debira), [50]Anaba, Estemo,
Anima, [51]Gosena, Holona, naho Gilo. Raike amby folo reo tana reo, miarake amireo vohitse kelene.[52]Araba, Doma,
Esana, [53]Janoma, Beti-tapoa, Afeka, [54]Honta, Kiriat-arba (re, Hebrona), naho Ziora. Sive reo tana reo, miarake
amireo vohitre kelene.[55]Maona, Kermela, Zifa, Jota, [56]Jezirela, Jokdeama, Zanoa, [57]Kaina, Gibea, Timna. Folo reo
tana reo, miarake amireo vohitre kelene.[58]Halola, Beti-zora, Gedora, 59Marata, Bet-anota, naho ELketona. Ene reo
tana reo, miarake amireo vohitre kelene.[60]Kiriata-bala (zay, Kiriata-jearima), naho Raba. Roe reo tana reo,
miarake amireo vohitre kelene. [61]Ao agnefetre, le misy i Bet-araba, Midina, Sekaka, [62]Nisbana, ty Tanan-tsira, naho
En-jedy. Ene reo tana reo, miarake amireo vohitre kelene.[63]Fa reo Jebosita, reo vahoake Jerosalema, ty foko Joda le
tsy afake nandroake iereo, ka le nitoboke tao niarake tamity foko Joda zisikezao reo Jebosita.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 16

[1]Ty zara-tane ty foko i Josefa le nihabey nanomboke tagne Jordana ka zisikagne Jeriko, antignana ty loharano
Jeriko, mbaeo agnefetre, niakatre bakao Jereiko zisikagne amity tane tazoa Betela. [2]Bakeo zay le nimbaeo Betela
ka zisikagne Lozy naho namakivaky zisikagne Atarota, ty fari-tane ty Arkita.[3]Le nizotro nagnandrefa nahazo ty
faritane ty Jafletita zay zisikagne amity faritane ambane i Bedhorona, naho bakeo nimbaeo Gazera; le nifara
tagne amity riake. [4]Zay ro fomba nahazoa reo foko Josefa, Manase vaho Efraima ty lova iereo.[5]Ty faritane ty foko
Efraima ze tinendre ho ahy ty foko iereo le manahake ze magnarake zao: ty faritane ty lova iereo agne antignana
le niala i Atarot-adara nimbaeo Beti-horona ambone, [6]naho nitohy zisikagne andriake zay. Bakagne Mikmeta
avaratre zay ro nivio nianignana nimbaeo Tanata-silo naho nahazo ty sisin-tane agne antignana zisikagne
Janoha. [7]Le nizotro bakagne Janoha nahazo i Atarota vaho Narata zay, naho bakeo nahatratre Jeriko, naho
niafara tagne Jordana.[8]Bakao Tapoa ty faritane le nahazo niagnandrefa ho amity baibo kana naho niafara tagne
andriake. Zay ro lova ty foko Efraima, voatendre ho ahy ty longo iaby iereo, [9]niarake tamireo tana ze finily ho ahy
ty foko i Efraima amity lova ty foko Manase__reo tana iaby, amireo vohitse iereo.[10]Tsy nandroake reo Kananita ze
nitoboke tagne Gazera iereo, ka mivelo miarake amy Efraima zisikezao reo Kananita, feie nampanoe asa
antseresere reo vahoake reo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 17

1 Toy ro zara-tane ty foko Manase (zay anadahy Josefa voalohane) __zane hoe, ho ahy Makira, ze anadahy Manase
voalohane vaho ty vatane ze rae Gileada. Ty tane Gileada vaho Basana le tinendre ho ahy reo foko Makira, satria
Makira le lahilahin'Aly. 2 Ty tane le tinendre ho ahy ty sisa ty foko Manase, namea reo fokone iereo__le i Abi-ezera,
Heleka, Asriela, Sekema, Hefera, naho Semida. Reo ro foko lahy Manase anadahy Josefa, natolotre reo foko iereo.
3 Naho Tselofehada anadahy Hefera ana i Gileada ana i Makira ana i Manase le tsy nanagnanake lahy, fa
anakampela avao. Toa iaby ty agnara reo anane ampela: Mahala, Noha, Holga, Milka, naho Tiriza. 4 Namonje i
Eleazara ty mpisoro, Josoa anadahy Nona, vaho reo olobey iereo, naho hoe iereo hoe:"'Yaveh ro nandily i Mosesy
hagnomea antika lova miarake amireo rahalahintika." Laha zao, ty fagnoriha reo lily Yaveh, ro nagnomeane lova
ho ahy reo ampela reo teo amireo rahalahin-drae iereo. 5 Ty zaran-tane folo tao Gileada vaho Basana le tinendre
ho ahy Manase, ze egne andafe Jordana, 6 satria reo anakampela Manase le nandrae lova niarake tamireo
anadahine. Ty tane Gilieada le tinendre ho ahy ty sisa ty foko Manase. 7 Ty faritane Manase le avy zisikagne Asera
ka zisikahne Mikmetata, ze agne antignana Sekema. Naho ty sisin-tane le nindeha niagnantimo nimbaeo amireo
ze mitoboke agnila ty faritane Topoa. 8 (Ty tane Topoa le ahy Manase, feie ty tanam-bey Topoa eo amity sisin-tane
Manase kea le ahy ty foko Efraima.) 9 Ty faritane le mizotro mbaeo amity baibon-driake kana. Reo tana antimo ty
baibon-driake eo amity tanam-bey Manase le ahy Efraima. Ty faritane Manase le agne avaratre ty baibon-driake,
naho mifara agne amity riake. 10 Ty tane agne antimo le ahy Efraima, naho ty tane agne avaratre le ahy Manase; ty
riake ro efetane. Agne amity sisine avara Asera, ka zisikagne amity antignana, le Isakara. 11 Ahy Isakara vaho ahy
Asera avao kea, Manase le nana i Beti-sana vaho reo tanane, Ibleama vaho reo tanane, reo vahoake Dora vaho ty
tanane, reo vahoake En-dora vaho ty tanane, reo vahoake Tanaka vaho ty tanane, naho reo vahoake Megido vaho
ty tanane (naho ty tana fahatelo le Naftea). 12 Mboe tsy afake mangalake ho fanagna reo tana reo ty foko
Manase,satria reo Kananita le mboe mitoboke ao amy tane eo. 13 Laha fa niha-mafe ty vahoake Israely, le tinahiry
iereo hiasa reo Kananita, fa tsy rinoa iaby. 14 Bakeo reo foko Josefa nirehake tamy Josoa, nanao hoe:" Nagnino ro
asa ty tane raike avao ro natolonao ho anay naho zara raike amity lova, kanefa vahoake maro agnisa zahay, naho
le fa nitahie Yaveh zahay iaby? 15 Hoe Josoa tamiereo:" Laha vahoake maro agnisa nareo, le miarake agne agnate
ala ty vatanareo naho tampaho reo hetae ao amity tane Perizita vaho Refaita agne. Anovo zay, satria ty tazoa ty
firene Efraima le kele ho anareo." 16 Hoe reo foko Josefa:" Tsy ampe anay ty tazoa. Fa reo Kananita ze mitoboke
agne amity baibo le mana kalese vy, reo agne Beti-sana vaho ty tanane, naho reo ze agne amity baibo Jezirela.
17 Naho hoe Josoa tamity foko Josefa tamy Efraima vaho Manase:" Vahoake maro agnisa nareo, naho mana here
bey. Tsy tokone ho zara-tane raike avao ro tinendre ho anareo. 18 Ty tazoa avao kea le ho anareo. Na ty ala zay, le
ho tampahenareo ka anovo fanagna zisikagne amity sisine lavitre vatane zay. Hagnakatre reo Kananita nareo, na
le mana kalese vy aza iereo, na le mafe aza iereo."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 181Le niarake nivory tao Silo ty fiangona ty vahoake Israely iaby. Tao ro nagnoregna iereo ty tragno fivoria vaho nandresea iereo ty tane nagnoloa iereo.

2Mboe nisy fito reo foko teo amity vahoake Israely ze tsy tinendre ty lovane.3Le hoe Josoa tamity vahoake Irsaely
hoe:" Zisike ombia ro mboe hihemoranao tsy hindeha ao amity tane ze namea Yaveh, Zagnaharenareo razanareo,
anareo? 4Maharey telo lahy ho anareo isake ty foko kirai-kiraike, naho zaho kea hagnirake iereo. Le hindeha vaho
hitete tane ambone vaho ambane iereo. Le hanoratre ty famarita zay iereo arake ze teane ho lovane, naho hihere
amiko atoy iereo bakeo.5Le ho zarae iereo ho faritre fito zay. Joda hijano agne amity faritane ty agne antimo, naho
ty foko Josefa hanohy ty faritane iereo agne avaratre. 6Faritre fito ro hamaritanareo ty tane naho aheregno amiko
eto ty famarita. Le hanao antsapake ho anareo raho eto agnoloa Yaveh Zagnaharentika.7Reo Levita le tsy mana
anjara eo aminareo, fa ty soro ho ahy Yaveh ro lova iereo. Gada, Robena, naho ty antsasa ty foko Manase le
nahazo ty lova iereo, tagne andafe Jordana. Zay ro lova ze namea Mosesy mpanompo Yaveh iereo."8Le nifoha reo
lahilahy ka nindeha. Le linily Josoa reo ze nindeha namaritre ty tane, nanao hoe:" Mindehana mitete ty tane ka
farito zay naho miheregna amiko eto. Le hanao antsapake ho anareo eto agnoloa Yaveh atoy Silo raho." 9Le
nindeha reo lahilahy ka nitete ty tane ambone vaho ty ambane naho namaritre zay tagnate sare-sare arake reo
tanane agnate faritre fito, handahara reo nihere isake ty faritre kirai-kiraike. Le nihere tagne amy Josoa tao
antobe tao Silo iereo bakeo.10Le nanao antsapake ho ahy iereo tao Silo teo agnoloa Yaveh ty Josoa. Tao ro
nanendrea Josoa ty tane ho ahy ty vahoake Israely, naho ty kirai-kiraike le sambe namea ty anjara tanene iaby.
11Ty fanendrea ty tane ho ahy ty foko i Benjamina le namea ty isam-poko iereo kirai-kiraike. Ty faritane ty tane ze
voatendre ho ahy iereo le voafaritre teo agnivo reo foko Joda vaho reo foko Josefa. 12Tane amity ilane avaratre,
tane Jordana ro nanomboha ty faritane iereo. Ty feritane le niakatre zisikagne amity ilane avaratre Jeriko, naho
bakeo niakatre namakivaky ty tane tazoa ahandrefa. Zisikeo zay le nahazo ty efetre Betavena.13Zisikeo le nandrio
niagnantimo nahazo nimbeo Lozy( Betela zay) ty faritane. Bakeo nizotro zisikagne amy Atarot-adara ty faritane,
ao amity vohitse ze mandia ty antimo Beti-horona. 14Nahazo nagnorike lalan-kafe ty sisin-tane noho zay: agne
amity ilane ahandrefa zay ro miodike miagnantimo, le miodike amity vohitse andafe Beti-horona. Io sisin-tane eo
le mifara agne Kiriata-bala (Kiriata-jearima zay), tana raike ze ahy ty foko Joda. Zay ro lasa faritane tagne amity
faritre ahandrefa.15Nanomboke teo ambaly Kiriata-jearima ty ilane antimo. Niala teo ty faritane le nahazo i
Efrona, zisikagne amireo loharano Neftoa. 16Ty sisin-tane laha zao le nizotro nahazo ty magnodidy ty vohitse ze
tandrife ty baibo Ben-hinoma, zay tane amity morone avaratre ty baibo Refaima. Le nizotro zisikagne amity
baibo Hinoma zay, antimo ty ala reo Jebosita, naho nahazo nizotro zisikagne En-Rogela.17Le nitolike
niagnavaratre zay, nahazo mbaeo En-semesy, naho bakeo le niakatre mbaeo Gelilota zay, ze tandrife ty fiakara
Adomima. Naho nizotro zisikagne amity Vato Bohana anadahy Robena zay. 18Nandroso zisike amity ilane avaratre
Beti-araba zay naho nizotro mbaeo Araba.19Le nimbaeo nahazo ty ilane avara Beti-hogla ty faritane. Nifara tagne
amity helo-drano avara ty riake zay, agne amity morone antimo Jordana, Zay ro sisin-tane tagne antimo. 20Le lasa
faritane Jordana ty ilane antignana. Zay ro lova ty foko Benjamina, naho nanolotre ty isam-poko iereo kirai-
kiraike, faritane isa-paritane, ty magnodidy iaby.21NAho reo tana ty foko Benjamina arake ty isam-poko iereo le
Jeriko, 22Beti-Hogla, Emeka Keziza, Bet-araba, Zemaraima, Betela, 23Avima, Para, Ofra, 24Kefara-Hamony, Ofny, naho
Geba. Roe amby folo reo tana reo, agnate zay reo ana-bohine.25Ao avao kea reo tana Gibeona, Rama, Berota,
26Mizpa, Kefira, Moza, 27Rekema, Irpela, Tarala, 28Zela, Haelefa, Jebosita (Jerosalema zay), Gibea, naho Kiriata,
agnate zay reo ana-bohine. Zay ro lova Benjamina ho ahy ty foko iereo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 19

[1]Ty antsapake faharoe le lasa i Simeona ka tinendre ho ahy ty kirai-kiraike amireo fokone. Ty lova iereo le teo
agnivo ty lova ze ahy ty foko Joda.[2]Nana i Beri-sheba, Molada, [3]Hazara-soala, Bala, Azema, [4]Eltolada, Betola, naho
Horme ho lovane iereo.[5]Simeona avao kea le nana i Ziklaga, Beti-markabota, Hazara-sosa, [6]Beti-lebaota, naho
Sarohena. Reo ro tana telo amby folo, miarake amireo ana-bohine. [7]Simeona avao kea le nana i Aina, Rimona,
Etera, naho Asana. Reo ro tana efatre, miarake amnireo ana-bohine.[8]Reo le niarake tamireo ana-bohine
magnodidy reo tana reo zisikagne Bale-tabera(mitovy amy Rama tao Negeva). Zay ro lova ty foko i Simeona,
nagnomea reo fokone. [9]Ty lova ty foko Simeona le nagnomea ty faritre ty foko Joda. Satria tena bey loatre ho ahy
iereo ty anjara-tane tinendre ho ahy ty foko Joda, le nandrae ty lova iereo tamity agnivo ty anjara ty foko
Simeona.[10]Ty antsapake fahatelo le azo ty foko i Zebolona, naho namea reo fokone zay. Ty faritre ty lovane le
nanomboke tao Sarida. [11]Ty faritanene niakatre nagnandrefa zisikagne Marala naho nahazo iDabesera; le
nihabey zisikagne amity baibon-driake ze tandrife Jokneama.[12]Zisikeo Sarida ty faritane le nihodike mianignana
zisikagne antignana ka zisikamity faritane Rislota-tabara. [13]Zisikeo le nindeha zisikagne Daberata naho niakatre
zisikagne Jafia zay. Zisikeo le nandrio ty antignana zisikagne Gata-hefera zay, naho zisikagne Ita-Kazina; bakeo
nahazo zisikagne Rimona naho nihodike nimbaeo Nea.[14]Ty faritane nihodike magnavaratre zisikagne Hanatona
naho nifara teo amity baibo Jifta-ela. [15]Tafilitse amio faritre eo reo tana i Katata, Nahaloa, Simrona, Idada, naho
Betlehema. Le tana reo amby folo, miarake amireo ana-bohine. [16]Zay ro lova ty foko i Zebolona, ze namea reo
fokone__reo tana, miarake amireo ana-bohine.[17]Ty antsapake fahaefatre le lasa i Isakara, naho namea reo fokone
zay. [18]Ty faritane iereo le ahisaha i Jezirela, Kesolota, Sonema, [19]Hafraima, Siona, naho Anaharata.[20]Tafilitre
amizay kea Rabita, Kisiona, Abeza, [21]Rameta, Enganima, Enhada, Beti-pazera. [22]Reo faritanene avao kea le nahazo
i Tabara, Sahazoma, vaho Beti-semesy, naho niafara tao Jordana. Le tana ene ambifolo, miarake amireo ana-
bohine.[23]Zay ro lova ty foko Isakara, naho namea reo fokone zay__reo tana, miarake amireo ana-bohine.[24]Ty
antsapake fahalime le lasa ty foko i Asera, naho namea reo fokone. [25]Tafilitre amity faritane iereo Helkata, Haly,
Batena, Aksafa, [26]Alameleka, Amada, naho Misala. Eo amity sisin-tane ahandrefa naho hihabey zisikagne Karmela
vaho Sihora-libnata.[27]Le nihodike mianignana zisikagne Beti-dagona naho nihalavitre zisikagne Zebolona zay,
naho le zisikagne amity baibo Jifta-ela, nagnavaratre zisikagne Bet-emeka vaho Neiela. Le nitohy magnavaratre
zisikagne Kabola zay. [28]Le nimbaeo zisikagne Ebrona, Rehoba, Hamona, naho Kana, ka zisikagne Sidona bey zay.
[29]Ty faritane nitolike zisikagne Rama, naho le zisikagne amity tana manda i Tyra. Naho ty faritane nitolike tagne
Hosa naho nifara teo amity riake, tao amity faritane Akziba, [30]Oma, Afeka, naho Rehoba. Roe amby roapolo reo
tana reo, miarake amireo ana-bohine.[31]Zay ro lova ty foko Asera, naho namea reo fokone zay__reo tana, miarake
amireo ana-bohine.[32]Ty antsapake fahaene le lasa ty foko Naftaly, naho nameane reo fokone zay. [33]Faritane iereo
le zisikagne Halefa, zisikagne amity terebinta tao Zananima, zisikagne, zisikagne Adami-hanekeba vaho Jabniela,
zisikagne Lakoma; naho nifara tao Jordana zay. [34]Ty faritane niodike nianignana zisikagne Aznota-tabara naho
zisikagne Hokoka; nahazo i Zebolona eo antimo zay, nahon nahazo i Asera ty tane ahandrefa vaho Joda ty tane
antignana tane amity rano Jordana.[35]Reo tana manda le Zidima, Zera, Hamata, Rakata, Kinereta, [36]Adama, Rama,
Hazora, [37]Kadesy, Edrehy, naho En-hazora.[38]Nisy Irona, Migdaela, Horema, Bet-anata, naho Beti-semesy avao kea.
reo ro tana sive amby folo, miarake amireo ana-bohine. [39]Zay ro lova ty foko Naftaly, naho namea reo fokone
zay__reo tana, miarake amireo ana-bohine.[40]Ty loka fahafito le lasa ty foko i Dana, naho namea reo fokone zay.
[41]Tafilitre amity faritane ze lova zay Zora, Estaola, Ira-semesy, [42]Salabima, Aijalona, naho Itla.[43]Tafilitre agnate zay
kea Elona, Timna, Ekrona, [44]Elteke, Gibetona, Baleta, [45]Jehoda, Bene-beraka, Gat-rimona, [46]Me-jarkona, naho
Rakona miarake amity faritane andafe Jopa.[47]Laha fa vototre tamiereo ty faritane ty foko Dana, le nanafike i
Lesema ty Dana, nialy nandietse aze, naho nahazo aze. Vinonone iereo tamity meso ty ndaty iaby, nangalake zay
ho fanagna, naho nitoboke tao. Namea iereo agnara vaovao ty Lesema, ntao ty hoe Dana arake ty razambey iereo.
[48]Zay ro lova ty foko Dana, naho namea reo fokone zay__reo tana, miarake amireo ana-bohine.[49]Laha fa nahavita
ty fizara ty tane ho lova iereo, le nagnomea lova teo amiereo ho ahy Josoa anadahy Nona ty vahoake Israely.
[50]Tamity alala ty lily Yaveh ro nagnomea iereo aze ty tana zeb nangatahene, Timna-sera ao amity tane tazoa
Efraima. Naherene namboare ty tana naho nitoboke tao re.[51]Reo ro lova ze tinendre Eleazara mpisoro, Josoa
anadahy Nona, naho reo mpitari-poko reo foko reo razambeine tao amity vahoake Israely, voatendre tamity loka
tao Silo, teo agnoloa Yaveh teo amity filira mbaeo amity tragno fivoria. Ka le nahavita nanendre ty tane iereo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 20

[1]Naho Yaveh nirehake tamy Josoa hoe:" [2]Mirehafa amity vahoake Israely, manao hoe:" Tendreo reo tana fialofa ze
rinehako aminao tamity tana i Mosesy. [3]Anovo zay mba hahafaha ze namono ndaty tsy nahy mbaeo. Reo tana reo
le ho toera fialofa amity ndaty ze mipay hamale fate ty lio ty ndaty ze mate.[4]Hilay agne amity raike amireo tana
reo re ka hitsanga eo amity filira ty vavahady ty tana, naho hagnazava ty zaka nahazo aze amireo olobey ty tana
ao. Bakeo le ho raese iereo ao amity tana re naho hagnomea toera hitoboha miarake amiereo ho aze.[5]Laha misy
raike amireo miezake mamale fate ty lio ty ndaty vonoe, le tsy ho atolo reo vahoake eo antana amireo manam-
pahefa ty raike ze namono aze. Tsy tokone hanao zay iereo satria namono tsy nahy ty mpirai-belo tamine re,
naho tsy nana falay tamine re taloha. [6]Tsy maintsy mijano ao amize tana zay re mandram-pitsangana eo agnoloa
ty fiangona ho tsarae, mandram-pahafate ty raike ze nanompo manahake ty mpisorombey tamize andro zay.
Naho ty raike ze namono tsy nahy ty ndaty le afake hihere agne antanane vaho ty tragnone, agne amity tanam-
bey ze nilaisane."'[7]Ka le nifily i Kadesa ao Galilia tao amity tane tazoa i Naftaly, Sekema ao amity tane tazoa
Efraima, naho Kiriat-arba (mitovy amy Hebrona) ao amity tane tazoa Jodia reo Israelita. [8]Tane andafe Jordana
antignana Jeriko, le nifily i Bezera tagne agnefetre teo amity tane gebo bakamity foko Robena; Ramota Gileada,
bakamity foko Gada; naho Golana ao Basana, bakamity foko i Manase iereo.[9]Reo tana reo ro finily ho ahy ty
vahoake Israely iaby vaho ho ahy reo vahiny mitoboke miarake amiereo, mba hahafaha ze namono ndaty tsy
nahy milay agne amiereo ampilamina. I ndaty io le tsy ho mate ty tagna ty raike ze ho namale fate ty lio ze
napoke, mandram-pitsanga ty ndaty voata eo agnoloa ty fiangona.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 21

[1]Naho reo lohane tamity foko reo Levita namonje Eleazara mpisoro, Josoa anadahy Nona, vaho reo mpitarike reo
foko ty razambey iereo teo amity vahoake Israely. [2]Tao Silo tagne amity tane Kanana le ho e iereo tamiereo hoe:"
Nandily anareo tamity tagna Mosesy Yaveh mba hagnomea anay tana hitoboha, miarake amity tanem-bilo ho ahy
reo biby harenay."[3]Noho ty baiko Yaveh, le natolotre ty vahoake Israely bakamity lova iereo ty tana toa, miarake
amity tanem-bilo iereo, ho ahy reo Levita.[4]Ty antsapake teo amireo foko ty Kehatita le nagnomea ze vokatre zao:
Reo mpisoro__reo foko Arona ze bakamireo Levita__le nahazo tana telo amby folo bakamity foko Joda, bakamity
foko Simeona, naho bakamity foko Benjamina. [5]Ty sisa tamireo foko ty Kehatita le nahazo tana folo tamity
antsapake bakamity isam-poko reo foko Efraima, Dana, naho bakamity antsasam-poko Manase.[6]Bakeo ty foko
bakamity Gesrona namea, tamity antsapake, tana telo amby folo bakamity isam-poko reo foko Isakara, Asera,
Naftaly, naho ty antsasam-poko Manase agne Basana. [7]Reo vahoake ze foko bakamity Merary kea le nahazo tana
roe amby folo bakamireo foko Robena, Gada, naho Zebolona.Laha zao le namea ty vahoake Israely ahy reo
Levita, tamity antsapake, reo tana reo (miarake amireo tanem-bilone), arake ze le fa nandilia Yaveh tamity tana
Mosesy. [9]Bakamireo foko Joda vaho Simeona, le nanendre tane arake ty tana magnarake toa iereo, volagne eto ty
agnarane. [10]Reo tana reo le namea ty foko Arnona, ze agnate reo foko ty Kehatita, ze bakamity foko Levy kea.
Satria niavy tao amiereo ty antsapake voalohane.[11]Le namea reo Israelita iereo ty Kiriat-arba(Arba ro rae i
Anaka), ty tana mitovy amy Hesbona, ao amity tane tazoa Joda, miarake amireo tanem-bilo magnodidy zay. [12]Fa
reo baibo ty tana vaho reo ana-bohine kea le fa namea Kaleba ana i Jefone, mba ho fanagnane.[13]Ho ahy reo foko
Arona mpisoro le namea iereo miarake amireo tanem-bilo Hebrona__ze tana raike filaisa reo ze namono ndaty
tsy nahy__naho Libna miarake amireo tanem-bilone, [14]Jatira miarake amireo tanem-bilone, naho Estoma miarake
amireo tanem-bilone. [15]Namea iereo kea Holona miarake amireo tanem-bilone, Debira miarake amireo tanem-
bilone, [16]Aina miarake amireo tanem-bilone, Jota miarake amireo tanem-bilone, naho Beti-semesy miarake
amireo tanem-bilone. Sive reo tana ze azo bakamireo foko roe eo.[17]Bakamity foko Benjamina ro nahazoa Gibeona
miarake amireo tanem-bilone, Geba miarake amireo tanem-bilone, [18]Anatota miarake amireo tanem-bilone, naho
Almona miarake amireo tane magnodidy aze__tana efatre. [19]Reo tana ze namea reo mpisoro kea, reo foko Arona,
le tana telo amby folo laha aharo, ao agnate zay reo tanem-bilo iereo.[20]Laha nisy sisa amity foko i Kehata__reo
Levita ze ahy ty foko Kehata__le namea iereo tamity antsapake reo tana bakamity foko Efraima. [21]Iereo ro
nagnomea i Sekema miarake amireo tanem-bilone tao amity tane tazoa Efraima__tana raike filaisa reo ze
namono ndaty tsy nahy__Gazera miarake amireo tanem-bilone, [22]Kibzaima miarake amireo tanem-bilone, naho
Beti-horona miarake amireo tanem-bilone__tana efatre ty fiharoane.[23]Bakamity foko Dana, ro nagnomeza hoahy
ty foko Kehata i Elteke miarake amireo tanem-bilone, Gitona miarake amireo tanem-bilone, [24]Aialona miarake
amireo tanem-bilone, naho Gata-rimona miarake amireo tanem-bilone__tana efatre ty fiharoane.[25]Bakamity
antsasa ty foko Manase, ro nagnomea ho ahy ty foko Kehata i Tanaka miarake amireo tanem-bilone vaho Gata-
rimona miarake amireo tanem-bilone__tana roe. [26]Tana folo laha aharo ty ahy reo foko Kehatita sisa, agnate zay
ty tanem-bilo iereo.[27]Bakamity antsasa ty foko Manase, hoahy reo foko ty Gesrona, reo le foko ty Levita hafa kea,
naho iereo nagnomea i Golana tao Basana miarake amireo tanem-bilone__tana raike filaisa ze namono nadty tsy
nahy, amity Bestera miarake amireo tanem-bilone__tana roe ty fiharoane.[28]Ho ahy reo foko Gesrona le namea
iereo bakamity foko Isakara kea ty Kisiona, amity tanem-bilone, Daberata amity tanem-bilone, [29]Jarmota amity
tanem-bilone, naho Enganima amity tanem-bilone__tana efatre. [30]Bakamity foko Asera, le namea iereo Misala
miarake amireo tanem-bilone, Abdona miarake amireo tanem-bilone, [31]Helkata miarake amireo tanem-bilone,
naho Rehoba miarake amireo tanem-bilone__tana efatre ty fiharoane.[32]Bakamity foko Naftaly, ro nagnomea iereo
i Gesrona Kadesy agne Galilia miarake amireo tanem-bilone__tana raike filaisa ze namono ndaty tsy nahy;
Hamotadora miarake amireo tanem-bilone, naho Kartana miarake amireo tanem-bilone__tana telo ty fiharoane.
[33]Tana telo amby folo laha aharo, bakamireo foko i Gesrona, miarake amireo tanem-bilone.[34]Ho ahy reo sisa__reo
foko i Merary_ro nagnomea bakamity foko i Zebolona: i Jokneama miarake amireo tanem-bilone, Karta miarake
amireo tanem-bilone, [35]Dimna miarake amireo tanem-bilone, naho Nahalola miarake amireo tanem-bilone__tana
efatre ty fiharoane.[36]Reo foko Merary le nahazo bakamity foko Robena: le i Bezera miarake amireo tanem-bilone,
[37]Kedemota miarake amireo tanem-bilone, naho Mefata miarake amireo tanem-bilone__tana efatre. [38]Hafa ty foko
Gada le nagnomea iereo Ramota agne Gileada miarake amireo tanem-bilone__tana raike filaisa Ze namono ndaty
tsy nahy__naho Mahanaima miarake amireo tanem-bilone.[39]Reo foko Merary le nahazo i Hesbona avao kea
miarake amireo tanem-bilone, vaho Jazera miarake amireo tanem-bilone. Tana efatre reo laha aharo. [40]Reo iaby
reo le tana reo foko maro i Merary, ze bakamity foko Levy__tana roe amby folo laha aharo ro namea iereo tamity
antsapake.[41]Reo tana reo Levita nalae bakao agnivo ty tane azo ty vahoake Israely le tana valo amby efapolo,


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

miarake amireo tanem-bilone. [42]Reo tana kirai-kiraike reo le sambe mana ty tanem-bilone magnodidy aze. Le manahake zay reo tana iaby reo.[43]Laha zao le namea Yaveh Israely ty tane iaby ze nifantane hamea reo razane. Le nandova zay reo Israely ka nitoboke tao. [44]Le namea Yaveh fitofa amity magnodidy iaby iereo, arake ze nifantane tamireo razane. Na le raike tamireo fahavalone aza le tsy nisy afake naharese iereo. Le natolo Yaveh teo antagna iereo ty fahavalone iaby. [45]Na le raike tamireo rehake fampagnantegna soa ze nirehafe Yaveh tamity foko Israely aza le tsy nisy tsy lefe. Lefe iaby iaby.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 22

1Tamize andro zay Josoa le nikaike reo Robenita, Gadit, naho ty antsasam-poko Manase. 2Hoe re tamiereo hoe:" Le
fa vitanareo iaby ze nandilia Yaveh Mosesy mpanompo Yaveh anareo. Nanenke ty feoko nareo tamize iaby
nandiliako anareo. 3Tsy niala ty rahalahinareo nareo zisike ze andro maro zay, zisikezao, naho vitanareo reo asa
ze pinay tamity alala ty lily Yaveh Zagnaharenareo.4Amizao namea Yaveh Zagnaharenareo fitofa reo rahalahinao,
arake ze nampagnantegnane iereo. Laha zao miheregna naho mindehana agne amity tragnonareo agne amity
tane anagnanareo, ze namea Mosesy ty mpanompo Yaveh anareo agne andafe Jordana. 5Fa ambeno soa mba ho
voafiambe reo lily vaho lalana ze nandilia Mosesy mpanompo Yaveh anareo, le ty hiteava Yaveh
Zagnaharenareo, ty hindena amity lalane iaby, ty hiambena ty lily, naho ty hipiteha amine vaho ty hanompoa aze
amity arofonareo iaby vaho ty fagnahinareo iaby." 6Le nitso-drano vaho nampoly iereo ty Josoa, naho nihere
tagne amity tragno iereo.7Naho ty antsasa-poko Manase le fa namea Mosesy lova tagne Basana, fa ty antsasa ty
hafa kea namea Josoa leva tagne agnila reo rahalahine tagne amity tane ahandrefa Jordana. Josoa nampoly iereo
tagne amity tragnone; nitso-drano iereo re 8naho nirehake tamiereo hoe:" Miheregna agne amity tragnonareo
miarake amity vola bey, vaho biby hare maro vatane, vaho volafoty vaho volamena, vaho varahy vaho vy, naho
siky maro vatane. Zarao amireo rahalahinareo ty azo tamireo fahavalonareo."9Naho ty foko Robena, ty foko Gada,
naho ty antsasa-poko Manase nihere noly, niala ty vahoake tao Silo, ze tane amity Kanana. Nindeha ho agne
amity faritane Gileada, agne amity tane iereo, ze fanagnane, tamity fagnenkea ty lily Yaveh, tamity lala ty tagna
Mosesy iereo.10Laha vay tao Jordana ze tao amity tane Kanana iereo, ty Robenita vaho ty Gadita naho ty
antsasam-poko Manase le nagnore altara niharine i Jordana, alitara tena bay vaho nalaza. 11Ty vahoake Israely
naharey zay ka nanao ty hoe:" Ingo! ty vahoake Robena, Gada, naho ty antsasam-poko Manase nagnore alitara
teo agnoloa ty tane Kanana, agne Gelilota, agne amity faritre agnila i Jordana, amity ilane ze ahy ty vahoake
Israely."12Laha naharey zay ty vahoake Irsaely, le niarake-nivory tao Silo ty fiangona ty vahoake Israely iaby mba
hiakatre hamoro aly handiera iereo.13Naho ty vahoake Israely nandefa mpinday talily ho agne amity Robenita, ty
Gadita, naho ty antsasam-poko Manase, agne amity tane Gileada. Nandefa i Fineasy anadahy Eleazara avao kea
iereo, ty mpisoro, 14naho mpitarike folo niarake tamine, raike isake ty razambeim-poko Israely, iereo reo kirai-
kiraike iaby le fa loha ty foko tao amity vahoake Israely.15Niavy tagne amity vahoake Robena, Gada, naho ty
antsasam-poko Manase, tagne amity tane Gileada iereo, naho hoe iereo tamine: 16"Zao ro safa ty fiangona Yaveh
iaby:' Ino zao fivaliham-pitokia nataonareo tamity Zagnahare Israely zao, niala tamity fagnoriha Yaveh nareo
amizao amity alala ty fagnoregnanareo alitara tamim-pavandeza tamy Yaveh tamity andro toy?17Tsy ampe antika
vao ty hadisoantika tao Peora? Zay mboe tsy nahaliovantika ty vatantika tamizay kea. Naho ze hadisoa zay ro
nampisy aretem-pandania tao amity fiangona Yaveh. 18Tsy maintsy hiala amity fagnoriha Yaveh avao kea vao
nareo amity andro androany toy? Laha miharo amy Yaveh avao kea nareo androany, le ho meloke amity
fiangona Israely iaby Re hamaray.19Laha voaloto ty tane ze anagnanareo, le tokone hitsake amity tane ze misy ty
tabernakele Yaveh nareo naho mangalake fanagna ho anareo ao aminay. Ko mavande amy Yaveh avao, na
mavande aminay amity fagnoregna alitara hafa ho anareo hafa tsy ty alitara Yaveh Zagnaharentika. 20Feie vao
Akana anadahy Zera tsy le fa nandrava finoa tamin-jaka ze le fa voatoka ho an'Agnahare? Feie vao tsy nily tamity
vahoake Israely iaby ty heloke? Naho tsy o lahilahy io arere ro mate noho ty helone."'21Naho ty foko Robena,
Gada, naho reo antsasam-poko Manase namale reo beim-poko Israely hoe: 22"Ty Tsitoha, Zagnahare, Yaveh! Ty
Tsitoha, Zagnahare, Yaveh!__Re mahay, naho ty Israely ao hahay! Laha tamim-bande na tamity fivaliham-patokia
na tamy Yaveh zay, le ko andefera zahay amity andro toy 23ty amity nagnoregnanay alitara mba hialanay amity
fagnoriha Yaveh. Laha nagnore ty alitara mba hahafaha manolotre fagnatetre oroa, fagnatetre hohane, na
fagnatem-pilongoa zahay, le ao Yaveh hampandoa anay ty amizay.24Aha! Tahotre ro nagnanovanay zao satria
zisikezay le mete hagnotane ty ananay ty ananareo hoe:" Feie nifagnino amy Yaveh nareo, ty Zagnahare Israely?
25Fa Yaveh le fa nanao i Jordana ho faritre magnoloa antika vaho riha. Nareo ry vahoake i Robena vaho vahoake
Gada, tsy hanao na ino ino amy Yaveh nareo.' Laha zao ty ananareo le mete hampinjano ty ananay amity
fanompoa Yaveh.26Ka hoe zahay hoe:' Mamotora anay hananga alitara amizao, tsy ho ahy ty fagnatetre oroa na
soro, 27fa mba ho vavolombelo eo aminay vaho nareo, naho reo eo amity foko afarantika, fa handefe ty fanompoa
Yaveh alohane tika, amity alala ty fagnatetre oroa, vaho soro naho fagnatem-pilongoa ataontika, ka mba tsy
hirehafa ty ananareo amity ananay zisikezay hoe:" Tsy mana anjara ao amy Yaveh nareo."'28Naho hoe zahay hoe:'
Laha tahiene ka rehafe aminay na amireo fokonay zisikezay zay, le hataonay hoe:" Ingo! Toy ro dika mitovy amity
alitara Yaveh, ze namboare ty razambeinay, tsy ho ahy ty fagnatetre oroa, na soro, fa ho vavolombelo teo aminay
vaho nareo." 29Sagnatriavenay anie ty havande amy Yaveh, vaho hiala amity fagnoriha Aze androany amity alala
ty fagnoregna alitara ho ahy ty fagnatetre oroa, ty fagnatetre hohane, na soro, hafa ty alitara Yaveh

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Zagnaharentika ze eo agnoloa ty tabernakelene."'[30]Laha fa rey Finehasa ty mpisoro vaho reo mpitarike ty
vahoake, zay, loham-poko Israely niarake tamine, le naharey reo rehake nirehafe ty vahoake ty Robena, Gada,
naho Manase, le soa tamiereo zay. [31]Le hoe Fineasy anadahy Eleazara ty mpisoro tamity vahoake ty Robena, Gada,
naho Manase hoe:" Hainay amizao fa eto amintika Yaveh, satria riha tsy nanao zay fivaliham-pagnenkea zay
tamine. Amizao riha nagnavotre ty vahoake Israely tamity tagna Yaveh riha."[32]Naho Fineasa ana i Eleazara
mpisoro, vaho reo mpitarike nihere bakagne amireo Robenita vaho reo Gadita, tao amity tane i Gileada ho agne
amity tane Kanana, ho agne amity vahoake Israely, naho ninday valen-drehake tamiereo. [33]Nimete tamity
vahoake Israely ty talily iereo. Nisaotre an'Agnahare ty vahoake Israely naho tsy nirehake ty hialy amity Robenita
vaho ty Gadita sase, mba hamoteha ty tane ze nitoboha iereo[34]"Vavolombelo" ro natao ty Robenita vaho ty Gadita
agnara ty alitara, satria hoe iereo hoe:" Io ro vavolombelo eo aminay fa Yaveh ro Zagnahare."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 23

[1]Laha fa afake andro maro, laha fa nagnomea fitofa ho ahy ty Israely bakao amireo fahavalone iaby ze nagnodidy
iereo Yaveh, naho antetre vaho nihabey ty Josoa. [2]Le nampikaike ty Israely iaby Josoa__reo olobeine, reo
mpitarine, reo mpitsarane, naho reo manan-kasine__ka nanao tamiereo hoe:" Tena bey vatane raho. [3]Le fa
hisanareo ty zaka iaby ze natao Yaveh Zagnaharenareo tamireo firene iaby noho nareo, fa Yaveh
Zagnaharenareo ro nialy ho anareo.[4]Ingo! Le fa tinendreko ho anareo reo firene ze mboe ho rese ho lova reo
fokonareo, miarake amireo firene iaby le fa rinavako, nanomboke tao Jordana ka zisikagne amity riake bey agne
ahandrefa. [5]Handroake iereo Yaveh Zagnaharenareo. Hanoseke iereo hiala aminareo re. Halaene ty tane iereo,
naho hangalake ty tane iereo ho fanagnanareo nareo, arake ze nampagnantegnae Yaveh Zagnaharenareo anareo.
[6]Ka mimafea, mba ambenonareo vaho hanaovanareo ty iaby ze voasoratre ao amity boke ty lily Mosesy, tsy hiala
amizay vatane na miankavana na miankavia, [7]mba tsy hiharoanareo amireo firene ze mijano ho amireo na
hanogno reo agnara ty zagnahare iereo, mifanta amiereo, nanompo iereo, na mihohoke amiereo. [8]Fa kea, mitana
amy Yaveh Zagnaharenareo nareo manahake ze le fa nataonareo zisike zao.[9]Fa Yaveh nandroake teo
agnoloanareo reo firene bey, mafe. Fa ho anareo, tsy misy afake mitsanga eo agnoloa nareo zisikandroany. [10]Ty
lahy toka amity isanareo le hahavy ty arivo hilay, satria Yaveh Zagnaharenareo, ro Ty mialy ho anareo,
manahake ty nampagnantegnaene anareo. [11]Miambena soa, mba hiteavanareo Yaveh Zagnaharenareo.[12]Nefa laha
mihere vaho miarake amireo ze sisa velo reo firene ze mijano eo aminareo nareo, na laha mifanambaly amiereo,
na laha miarake amiereo nareo naho iereo miarake aminareo, [13]le haio vatane fa Yaveh Zagnaharenareo tsy
handroake reo firene reo hiala aminareo sase. Fa kea, ho lasa fandrike vaho tonta ho anareo iereo, karavasy ao
andambosinareo naho fatike eo amity masonareo, mandram-pimatezanareo eto amity tane soa ze namea Yaveh
Zagnaharenareo anareo toy.[14]Amizao le hindeha amity lala ty tane iaby raho, naho hainareo amity arofonareo
vaho ty fagnahinareo iaby fa tsy misy rehake raike tsy ho lefe tamireo zaka soa iaby ze nampagnantegnae Yaveh
Zagnaharenareo anareo. Reo zaka iaby reo le fa hoavy ho anareo. Tsy misy raike amiereo ho latsake. [15]Fa
manahake ty rehake iaby nampagnantegnae Yaveh Zagnaharenareo anareo ka lefe, le hinday aminareo reo zaka
raty iaby Yaveh mandram-pandravane anareo tsy ho eo amity tane soa ze namea Yaveh Zagnaharenareo anareo
toy.[16]Hataone zay laha mandika ty fagnenkea Yaveh Zagnaharenareo, ze nandiliane anareo mba hambena nareo.
Laha mindeha vaho manompo reo zagnaharen-kafa naho mihohoke amizay nareo, le hirehetre aminareo ty helo
Yaveh, naho ho mate tsiela tsy ho eo amity tane soa ze nameane anareo nareo."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 24

[1]Naho le nampiarahe Josoa tao Sekema reo foko Israely iaby naho nikaike reo olobey tao Israely, reo mpitarike
iereo, reo mpitsara, vaho ty manam-pahefa iereo iereo, naho nanoro ty vata iereo teo agnoloan'Agnahare. [2]Hoe
Josoa tamity ndaty iaby hoe:" Zao ro safa Yaveh, ty Zagnahare Israely:' Tagne aloha ela bey reo razambeinareo le
nitoboke tagne andafe ty rano Eofrata__Tera, ty rae Abrahama vaho ty rae i Nahora__naho nanompo reo
zagnaharen-kafa iereo.[3]Fa nalaeko tagne andafe Efraita ty raenareo ka nienteko tagne amity tane Kanana naho
nameako foko maro tamity alala Isaka re. Naho nameako i Jakoba vaho Esao ty Isaka. [4]Naho nameako ho fanagna
Esao ty tane tazoa i Seira, fa i Jakoba vaho reo anane le nizotro tagne Egypta.[5]Nandefa i Mosesy vaho Arona raho,
naho nagnisy reo Egyptiana tamity arete-mandany. Tafara zay, le nienteko niakatre nareo. [6]Nienteko niakatre i
Egypta reo razambeinareo, naho niavy tegne andriake nareo. Nagnia anareo tamireo kalese vaho mpitiki-
tsoavale zisikagne amity riake mena reo Egyptiana[7]Laha fa nikaike mafe Yaveh reo razambeinareo, le nasiane
ieke teo agnoloanareo vaho reo Egyptiana. Nientene teo amiereo ty riake naho nanaro iereo. Nareo nahisake ty
nataoko tagne Egypta. Bakeo nareo le nitoboke tagne agnefetre zisike ty andro elabey.[8]Nienteko tagne amity tane i
Amorita nareo, ze nitoboke tegne andafe Jordana. Nialy taminareo iereo, naho nanolotre teo antagnanareo.
Nalaenareo ho fanagnanareo ty tane iereo, naho pinoteko teo agnoloanareo iereo.[9]Naho nitsanga Balaka ana i
Zipora, mpanjaka Moaba, naho nanafike Israely. Nandefa naho nikaike Balama ana i Beora, mba hagnozo anareo.
[10]Fa tsy nidranjy i Balama raho. Nitahy anareo vatane re. Ka le namonje anareo tegne antgnane raho.[11]Nitsake
Jordana nareo naho le niavy tao Jeriko. Reo mpitarike Jeriko le nialy taminareo, niarake tamity Amorita, reo
Kananita, reo Hetita, Girgasita, reo Hevita, naho reo Jebosita. Nameako faharesea nareo naho nanao iereo
ambane ty fehenareo raho. [12]Nandefasako fangarake nareo, ty nampilay iereo vaho reo mpanjaka Amorita roe
teo agnoloanreo. Zay le tsy niseho tamity alala ty meso na ty folesenareo.[13]Nameako tane ze mboe tsy nasae vaho
tana ze mboe tsy nagnoregna nareo, naho amizao nareo le mitoboke egne amireo. Mihina ty voa ty tanem-
boaloboke vaho ty baibon'oliva ty tsy nambolenareo nareo.'[14]Amizao matahora Yaveh naho miantsa Aze amim-
pahitia; foagno reo zagnahare ze tompoe reo razambeinareo tagne andafe ty Eofrata vaho tao Egypta, naho
manompoa Yaveh. [15]Laha hisanao fa raty ty miantsa Yaveh, le filio androany ze hotompoenao, na reo zagnahare
ze nitompoe reo razambeinareo tagne andafe Eofrata, na reo zagnahare reo Amorita, ze tompo ty tane
hitobohanareo. Fa laha zaho vaho ty fokoko kea, le hanompo Yaveh zahay."[16]Namale reo vahoake naho nanao ty
hoe:" Tsy hamoe Yaveh vatane zahay mba hanompo zagnahare hafa, [17]satria Yaveh Zagnaharenay ro ninday anay
vaho reo razambeinay hiakatre ty tane Egypta, hiakatre ty tragno fagnandevoza, vaho ze nanao reo famantara
bey teo amasonay, naho ze niaro anay tagne amity lala ibay nombanay, naho tamireo firene iaby ze nombanay.
[18]Naho Yaveh le ninday reo ndaty niaolo lala anay, ao agnate zay reo Amorita ze nitoboke tao amity tane. Laha
zao zahay kea le hanompo Yaveh, satria Re ro Zagnaharenay."[19]Fa hoe Josoa tamireo vahoake hoe:" Tsy mahazo
manompo Yaveh nareo, satria Re Zagnahare sarotene; Re le tsy hagnenge reo fandika vaho reo hadisoanareo.
[20]Laha mahafoe Yaveh nareo naho manompo reo zagnahare vahiny, le hihere Re naho hampijale anareo. Hamoa
anareo Re, laha fa baka nanao soa taminareo."[21]Fa hoe reo ndaty tamy Josoa Hoe:" Aha, hanompo Yaveh zahay."
[22]Naho hoe Josoa tamireo vahoake hoe:" Nareo le vavolombelo ty vatanareo fa le nifily Yaveh, mba ho tompoe."
Hoe iereo hoe:" Vavolombelo zahay." [23]Amizao le afaho reo zagnahare hafa ze miarake aminareo, naho atoliho
amy Yaveh Zagnahare Israely ty arofonareo."[24]Hoe reo vahoake tamy Josoa:" Hanompo Yaveh Zagnaharenay
zahay. Hidranjy ty rehane zahay." [25]Nanao fifagnenkea tamity vahoake Josoa tamy andro io. Nametrake lily aman-
dala tao Sekema re. [26]Sinora Josoa tao amity boke ty lilin'Agnahare reo rehake reo. Nangalake vato bey re naho
natobone teo ambane ty hetae terebinta ze teo agnila ty toera masy Yaveh.[27]Hoe Josoa tamity vahoake iaby hoe:"
Ingo, ty vato toy ro vavolombelo mandietse antika. Naharey reo rehake nisafagne Yaveh tamintika re. Ka ho
vavolombelo aminareo io, laha ohatre ka milietse ty Zagnaharenareo nareo." [28]Naho le nalefa Josoa kirai-kiraike
bakagne amity lovane reo vahoake.[29]Tafara reo zaka reo Josoa ana Nona, mpnompo Yaveh, le mate tamity faha
110 ty taone. [30]Naleve iereo tagne amity faritane ze nilovaene re, tagne Timnata-sera, ze tagne amity tane tazoa
Efraima, avara ty vohitse Gasa.[31]Nanompo Yaveh ty Israely zisike ty andro i Josoa, vaho tamity andro reo olobey
ze nivelo nihoatre Josoa, reo ze nivelo ty zaka-iaby ze natao Yaveh ho ahy Israely.[32]Niente ty vahoake Israely
niakatre i Egypta ty taolam-balo Josefa naho naleve iereo tagne Sekema reo, ao amity ilan-tane ze vinily Jakoba
tamireo anadahy Hamora, rae i Sekema. Nivily zay tamity volafoty zato singa re, naho nanjare lova ho ahy reo
foko Josefa. [33]Mate avao kea Eleazara anadahy Arona. Naleve iereo tagne Gibeha, tanam-bey Finehasa anadahine,
ze le fa namea aze. Zay le rehake amity tane tazoa Efraima.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

# Judges

Chapter 1

Tafara ty nifateza i Josoa, nagnontane i Yaveh ty vahoake Israely, nanao ty hoe:" Ia ro hanafike voalohane reo
Kananita ho anay, mba hialy amy iereo?" [2]Le hoe ty Iaveh:" Hanafike i Joda. Ingo, le fa nomeiko iereo ty fifehea ty
tane toy." [3]Reo lahilahy Joda nirehake tamireo lahilahy i Simeona, rahalahigniereo ty hoe:" Miakara miraike
aminay agne amity faritanegnay ze voatendre ho anay fa tika miarake ro afake mialy amireo Kananita. Hindeha
hiarake aminareo hoe izay agne amity faritane ze voatendre ho anareo zahay." ka nagnorike iereo ty foko i
Simeona.[4]Nanafike ty lahilahy Joda, naho nomea Yaveh iereo ty fandresea gnireo Kananita vaho reo Perezita.
Namono lahilahy ray ale tamiereo tagne Bezeka iereo. [5]Nahisake i Adonia Bezeka tagne Bezeka iereo, naho nialy
tamiereo ka naharese ty Kananita vaho ty Perezita.[6]Fa nilay ty Adonia Bezeka, naho hinia iereo re ka nitratre,
naho tinampa iereo ty todrom-beintagnane vaho ty todronm-beintombone. [7]Le hoe ty Adonia Bezeka:" Mpanjaka
fitom-polo, ty tampake ty todrom-beintagnane vaho ty todrom-beintombo gniereo, ro namory ty sakafo iereo tao
ambane ty latabako. Manahake ze le fa nataoko, le hoe zay avao kea ro nataon'Agnahare tamiko." Niente iereo
tagne Jerosalema re, naho nimate agne.[8]Nialy tamity tana Jerosalema reo lahilahy Joda naho nangalake zay.
Nanafike zay tamity lela-meso iereo naho nagnoro ty tana. [9]Tafara izay, nijotro hialy amireo Kananita nitoboke
tagne amity tane tazoa, tagne Negeva, vaho atgne ahandrefa ty vohitse lavabey reo lahilahy Joda. [10]Lasa nandietse
ty Kananita ze nitoboke tagne Hebrona i Joda( ty agnara Hebrona taloha le i Kiriata Arba), naho naharese i Sesay,
Ahimana, naho Talmay iereo.[11]Avy egne ro lasa nandietse reo vahoake i Debira reo lahilahy Joda( ty agnara
Debira taloha le Kiriata Sefera). [12]Hoe ty Kaleba:" Na ia ia manafike i Kiriata Sefera naho mangalake zay, le
hameiko aze ty Aksa, anak'ampelako, mba ho valine." [13]Otniela, anadahign'i Kenaza(zaign'i Kaleba) nitsepake i
Debira, ka le nomea Kaleba aze ty Aksa, anak'ampelane, mba ho valine.[14]Tsy ela le avy tagne amy Otniela ty Aksa,
naho nandrisike aze hangatake amity raene mba hagnomey baibo raike aze re. Laha niala tamity ampondrane re,
le nagnontane aze Kaleba ty hoe:" Ino ro azoko atao anao?" [15]Naho hoe re tamine:" Ameo tso-drano raho. Satria
lefa nomeanao ahy ty tane Negeva, le ameo loharano avao kea raho." ka le nomea Kaleba aze ty loharano
ambone vaho ty loharano ambane.[16]Ty foko ty rafozan-dahy i Mosesy Kenita le niakatre bakagne amity tanan-
drofia niarake tamity vahoake i Joda, nimbaeo agnefetse Joda, ty tane Negeva, mba hiay miarake amity vahoake
Joda agnila i Arada. [17]Ty lahilahy Joda nindeha niarake tamireo lahilahy Simeona rahalahigniereo naho nanafike
reo Kananita ze nitoboke tagne Zefata iereo naho rinavagniereo vatane zay. Ty agnara ty tana le natao ty hoe
Horma.[18]Tsinepa ty vahoeke i JOda avao kea ty GAza vaho reo tane magnodidy aze, Askelona vaho ty tane
magnodidy aze, naho Ekrona vaho ty tane magnodidy aze. [19]Niraike tamireo vahoake i Joda ty Yaveh naho
nangalake ty tane tazoa iereo, nafa tsy afake nandroake reo vahoake ty tane lemake naho ty fanagna iereo kalesy
vy.[20]Nomea i Kaleba ty Hebrona (arake ty fa nirehafe i Mosesy), naho rinoane tao reo anake telo lahy i Anaka.
[21]Nefa tsy nandroake reo Jebosita ty vahoake i Jerosalema ty vahoake i Benjamina. Ka le nitoboke niarake tamity
vahoake i Benjamina tao Jerosalema reo Jebosita zisikezao.[22]Ty foko Josefa le nioma hanafike i Betela, naho
miomba iereo ty Yaveh. [23]Nagnirake lahilahy hijilo i Betela iereo (ty tana ze natao ty hoe Lozy te taloha).
[24]Nahisake lahilahy niakatre ty tana reo mpijilo, le hoe iereo tamine:" Mba atoro anay rie, ty fomba hilira ao
amity tana, le ho soa fagnahy aminareo zahay."[25]Le natorone iereo ty lala mbaeo amity tana, ka le nanafike ty
tana tamity lela-meso iereo, nefa nenga iereo nindeha ty lahilahy vaho ty fokone. [26]Bakeo le nimbaeo amity tane
ty Hetita lahilahigne ka nagnore tana naho natao ty hoe Lozy zay, zay agnarane zisikezao.[27]Tsy rinoa gnireo
vahoake i Manase reo vahoake nitoboke tagne amity tana i Beta Sana vaho reo ana-bohine, na Tanasa vaho reo
ana-bohine, na reo ze nitoboke tagne Dora vaho reo ana-bohine, na reo ze nitoboke tao Ibleama vaho reo ana-
bohine, na reo ze nitoboke tagne Megido vaho reo ana-bohine, satria le tapa-kevetse ty hitoboke amize tane zay
reo Kananita. [28]Laha fa lasa nimafe ty Israely, le sinere iereo hanompo iereo tamity asa mafe reo Kananita, nefa
tsy mboe nandroake iareo vatane iereo.[29]Tsy rinoa i Efraima reo Kananita ze nitoboke tagne Gezera, ka le
nitoboke tagne Gezera teo amy iereo zisikagne ty Kananita.[30]Tsy rino i Zebolona ty vahoake nitoboke tagne
Kitrona, na ty vahoake nitoboke tagne Nahaloa, naho le nitoboke teo amiereo zisikagne ty Kananita, nefa nisere
Zebolona hanompo iareo tamity asa mafe reo Kananita.[31]Tsy rinoa i Asera ty vahoake nitoboke tagne Ako, na ty
vahoake nitoboke tagne Sidona, na reo ze nitoboke tagne Alaba, Akziba, Helba, Afika, na Rehoba. [32]ka le nitoboke
teo amiereo Kananita ty foko i Asera (iereo ze fa nitoboke tao amity tane), satria tsy nandroake iareo iereo.[33]Tsy
rinoa ty foko i Naftaly reo ze nitoboke tagne Beta Semesa, na reo ze nitoboke tagne Beta Anata. ka le nitoboke teo
amireo Kananita ty foko i Naftaly (ty vahoake ze fa nitoboke tamize tane zay). Na zay aza, sinere tagnate ty asa
mafe ho ahy Naftaly reo vahoake Beta Semesa vaho Beta Anata.[34]Sinere reo Amorita hitoboke agne amity tane
tazoa ty foko i Dana, naho tsy nengane hizotso tagne amity gebo iereo. [35]Ka le nitoboke tao ambohitse i Heresa,

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

tagne Aijalona, naho tagne Salbima reo Amorita, nefa ty miaramila mahere ty foko i Josefa naharese iereo, naho
le sinere iereo hanompo aze amity asa mafe iereo. 36Nihabey agne amity tazoa i Akrabima agne Sela niakatre
zisikagne amity tane tazoa ty sisin-tane ty Amorita.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 2

[1]Niakatre bakao Gilgala ho mbaeo Bokima anjely Yaveh, naho nanao ty hoe:" Ninday anareo niakatre bakao
Egypta reho, naho ninday anareo tagne amity tane nifantako homea reo razanareo. Hoe raho:' Tsy handrava ty
fagnenkeako aminareo mihintsy raho. [2]Ko manao fagnenkea amiereo ze mitoboke ao amity tane toy nareo. Ao
horavaenareo ty alitara iereo.' Nefa tsy nijano ty feoko nareo. Fa ino ro anoenareo?[3]Ka henanekezao raho le
mirehake fa:' Tsy handroake reo Kananita eo agnoloa nareo raho, fa ho lasa tsilo eo agnoloa nareo iereo, naho
reo zagnaharene le ho lasa fandrike ho anareo."' [4]Laha nirehake reo rehake reo tamity vahoake Israely iaby ty
anjelin'Agnahare, le nikoiake vaho nitagny ty vahoake. [5]Natao iereo ty hoe Bokima ze toera zay. Nanolotre
fagnatetre ho ahy Yaveh tao iereo.[6]Naho laha fa nagnirake ty vahoake tamity lily iereo Josoa, le nimbaeo amity
toera voamare ty vahoake Israely kirai-kiraike, mba hangalake ty tane iereo. [7]Nanompo Yaveh zisike ty androm-
piaignane ty Josoa vaho reo Olobey ze mboe velo tafara ty vahoake, naho reo ze nahisake ty asa bey Yaveh iaby
nataone ho ahy Israely. [8]Josoa anagn'i Nona mpanompo Yaveh, le mate teo amity faha-110 tao.[9]Nandeve aze ao
amity faritane ty tane nanendrea aze tao Timnata-heresa iereo, tao amity tane tazoa i Efraima, avara ty vohitse i
Gasa. [10]Ze foko iaby zay avao kea le navory ho amity razagniereo. Nisy foko hafa nitombo tafara iereo ty tsy nahay
Yaveh na ze nataone tamireo Israely.[11]Nanao ty raty teo amaso Yaveh vahoake Israely naho nanompo i Bala iereo.
[12]Nisarake tamy Yaveh iereo, ty Zagnahare ty razagniereo, ty ninday iereo niakatre bakao amity tane Egypta.
Nagnorike reo zagnahare hafa iereo, reo tena zagnahare ty vahoake ze nagnodidy iereo, naho nihohoke tamireo.
Nagnetreke ty helo Yaveh iereo satria [13]nisarake tamy Yaveh naho nanompo Bala vaho reo Astarta.[14]Nirehetre
tamy Israely ty helo Yaveh, naho nomeane reo mpanafike ze nangalatre ty fanagna iereo tamy iereo. Naviline ho
ndevo reo ze voata tamity here ty fahavalo magnodidy iereo, mba tsy hahaia iereo sasy miaro ty vatane amity
fahavalone. [15]Na taia na taia nindehana Israely nialy, ty tagna Yaveh le nandietse iereo mba haharesy iereo, arake
ty nifantane tamy iereo naho tao agnate fijalea raty iereo[16]Naho Yaveh nagnakatre mpitsara, ty namonje iereo
tamity tagna reo ze nangalatre ty fanagna iereo. [17]Nefa tsy nijano reo mpitsarane iereo. Tsy natoky tamy Yaveh
iereo naho nanolotre ty vatane manahake ty mpitsangatsanga tamireo zagnahare hafa vaho nanompo reo.
Niotake malaky tamity lala niaigna reo razane iereo _reo ze nitea ty lily Yaveh_nefa tsy mba nanao hoe izay iereo.
[18]Laha fa nagnakatre mpitsara ho ahy iereo ty Yaveh, nagnampe reo mpitsara ty Yaveh naho namonje iereo
tamity tagna reo fahavalo iereo tamity andro iaby niaigna reo mpitsara. Niferegnay iereo ty Yaveh laha nitompo
noho reo ze nampijale vaho namparare iareo iereo. [19]Fa laha fa mate ty mpitsara, le niala vaho nanao reo zaka
raty vatane toezay ty natao reo razane aza iereo. Nagnorike reo zagnahare hafa mba hanompo vaho hankalaza
aze iereo. Nilietse ty hiala tamity fanaone raty iaby na tamireo lala ty reharehane iereo.[20]Nirehetre tamy Israely
ty helo Yaveh; hoe Re:" Satria ty firene toy le nandrava reo safa ty fagnenkeako ze napetrako ho ahy reo
razane_satria tsy nijano ty feoko iereo_[21]Izaho, manombok'zao, le tsy handroake eo agnoloa iereo na ty raike
amireo firene ze nenga Josoa laha fa mate re. [22]Hanao zay raho mba hahafahako mitsapa ty Israely, na hiambe ty
lily Yaveh vaho hindeha amizay iereo na aha, hoe ty niambena ty razagn'iereo zay." [23]Izay ro antone niala Yaveh
reo firene reo vaho tsy nandroahane iereo malaky tao naho nagnomeane iereo teo antagna i Josoa.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Naho Yaveh nagnenga firene reo mba hitsapa Israely, zane hoe ty ndaty iaby tagne Israely se nana fahaia tamity
aly le nialy tagne Kanana. [2](Nanao zay re mba hampianara aly iereo foko Israelita vaovao ze mboe tsy nahay zay
taloha). [3]Toa iaby reo firene: reo mpanjaka dime bakamireo Filistina, reo Kananita iaby, reo Sidoniana, naho reo
Hivita ze nitoboke tagne amireo vohitse Libanona, zisikamity vohitse Bala-hermona ka zisikagne Lala Hamata.
[4]Nenga reo firene reo, zay ty fomba nitsapa Yaveh Israely, mba hagnamafea na nieke reo lily ze nomeane reo
razambeign'iereo tamity alala Mosesy iereo. [5]Laha zao reo vahoake Israely le nitoboke teo amireo Kananita, reo
Hetita, reo Amorita, Perizita, naho reo Jebosita. [6]Reo anak'ampela iereo le nalaegn'iereo mba ho valign'iereo,
naho reo anak'ampela iereo arere le nomea iereo ho ahy ty anadahign'iereo, naho nanompo reo zagnaharene
iereo.[7]Nanao ty raty teo amaso Yaveh ty vahoake Israely naho nagnaligno Yaveh Zagnahare iereo. Nanompo reo
Bala vaho reo Aseraha iereo. [8]Laha zao, le nirehetre tamy Israely ty helo Yaveh, naho naviline teo am-pelatagna i
Kozana-risataima mpanjaka i Arama Naharaima iereo. Nanompo i Kozana-risataima zisike ty valo tao reo
vahoake Israely.[9]Laha fa nikaike mafe Yaveh ty vahoake Israely, le nagnakatre ndaty mba ho avy hamonje ty
vahoake Israely ty Yaveh, vaho hagnavotre iereo: Otniela, anadahign'i Kenaza( zaign'i Kaleba). [10]Nagnomey here
aze ty fagnahy Yaveh, naho nitsara Israely re naho niakatre tagne amity aly. Nomea Yaveh fandresea teo agnoloa
Kozana-risataima mpanjaka i Arama re. Naharese i Kozana-risataima ty tagna i Otniela. [11]Nilamy ty tane zisike ty
efapolo tao. Bakeo le mate ty Otniela anadahign'i Kenaza.[12]Tafaragn'izay, le mboe nanao ze raty teo amaso Yaveh
ndraike reo Israelita, ka nomeane here i Eglona mpanjaka i Moaba mba hampandrese reo Israelita Yaveh.
[13]Nikamba tamireo Amona vaho reo Amaleka ty Eglona, le nindeha iereo ka nandrese Israely, naho nalae iereo ho
fanagnane ty tanan-drofia. [14]Nanompo i Eglona mpanjaka i Moaba zisike ty valo ambiny folo tao ty vahoake
Israely.[15]Laha fa nikaike mafe Yaveh ty vahoake Israely, le nagnakatre ndaty raike ty Yaveh hagnampe iereo,
Ehoda anagn'i Gera, Benjamita, lahilahy Kavia. Nandefa aze niarake tamity fandoan-ketra gniereo, tagne amy
Eglona mpanjaka i Moaba ty vahoake Israely.[16]Nagnamboatre meso raike roe lela ho aze ty Ehoda, metatre raike
ty halavane; nafehene tao ambane ty akanjone teo amity fene ankavanane zay. [17]Nomeane i Eglona mpanjaka
Moaba ty fomey. (Naho Eglona le lahilahy vondra-bey). [18]Tafara ty nanolora i Ehoda ty fandoavan-ketra, le lasa
niarake tamiereo ze ninday zay re.[19]Laha ty amy Ehoda kea, laha fa niavy teo amity toera ze nisy reo saren-jaka
voasokitre natao tao agnila i Gilgala re, le nitolike vaho nihere re, naho nirahake ty hoe:" Mana tsiko ho anao
raho, ry mpanjakako." Naho Eglona nirehake ty hoe:" Mitsigna!" Ka niakatre ty efetre reo iaby ze nanompo aze.
[20]Niavy tamine eo ty Ehoda. Nitoboke arere ty mpanjaka, arere tao amity manitsinitsy tao amity efetragno
ambone. Hoe ty Ehoda ty hoe:" Mana hafatre bakagne amin'Agnahare ho anao raho." Nitsanga bakeo amity
fitobohane ty mpanjaka.[21]Navoto i Ehoda ty tagnane havia naho nalaene teo amity fene ankavana ty meso, ka
natsovone teo amity vatagny mpanjaka zay. [22]Ty tara-meso teo amine le niarake amity lambosy. Niakatre tao
andambosine ty loha meso naho nanaro zane ty sabora, fa tsy nagnafake ty meso tamity trone ty Ehoda. [23]Bakeo
le niakatre teo an-davaranga ty Ehoda naho nagnily reo varavara ty efetre ambone naho nagnily zay.[24]Lafa fa lasa
ty Ehoda, le niavy reo mpanompo ty mpanjaka; hisagn'iereo fa mihily reo varavara ty efetre ambone, ka
nihevetre iereo ty hoe:" Mete rerake ao amity manitsinitsy ao amity efetre ambone re." [25]Nimahimahy iereo zisike
ty nahaia iereo fa nanao tsinotsino ty asane iereo laha mboe tsy namoha ty varavara tao amity efetre ambone ty
mpanjaka. Naho nalae iereo ty lakile, le vinohane reo, naho nitsilailay teo ty tompone, lavo tamity tane, naho
mate.[26]Laha teo am-pandignasa reo mpanompo, le nagnotane vata ty amize tokone hatao iereo, nilay ty Ehoda ka
nihalavitre ty toera misy reo saren-jaka voasok'ireo sampe, naho laha zao le nilay tagne Seirata re. [27]Laha fa niavy
re, le nitioke ty trompetre raike teo amity tane tazoa i Efraima. Ka nizotro niarake tamine iaby agne amity tazoa
ty vahoake Israely, naho re ro nitarike iereo.[28]Hoe re tamiereo ty hoe:" Magnoriha ahy, fa le fa handresy reo
fahavalognareo ty Yaveh, le reo Moabita." Nagnorike aze iereo naho nanambotre reo fita Jordana fandriogna reo
Moabita, naho tsy nagnenga na ia ia hitsake ty renerano iereo. [29]Tamize andro zay le namono lahilahy Moabita
teo amity ray ale teo iereo, naho lahilahy nimafe vaho mahavita aze iereo iaby. Tsy nisy afake nilay. [30]Naho tamize
andro zay Moaba le rese ty tanjagn'Israely, naho nilamy zisike ty valompolo tao ty tane.[31]Tafara i Ehoda le i
Samgara anadahign'i Anata namono ndaty 600 tamireo Filistina tamity hetae fapikira biby hare ro mpitsara
magnarake. Nanafike Israely tamity loza avao kea re.

## Chapter 4

[1]Tafara ty nifateza i Ehoda, le nanao ze raty teo amaso Yaveh ndarike ty vahoake Israely. [2]Navily Yaveh teo
antagna Jabina mpanjaka i Kanana nanjaka tao Hazora iereo. Ty agnara ty mpitari-tafine le i Sisera, naho
nitoboke tao Harosetagn'ireo Jentilisa re. [3]Nikaike vonje mafe tamy Yaveh ty vahoake Israely, satria nana kalese
vy sivanjato Sisera naho nampijale ty vahoake Israely tamin-kere zisike ty roapolo tao re.[4]Naho Debora,
mpaminane vave( valign'i Lapidota), ro nitarike ty fitsara tao Israely tamize andro zay. [5]Zatre nitoboke teo
ambane rofia Debora agnivo i Rama vaho Betela tao amity tane tazoa i Efraima re , hao ty vahoake Israely
nimbaeo amine mba hametrake reo fiafandiera gniereo tamine.[6]Nagnirake i Baraka anadahign'i Abinoama
bakagne Kadesy ao Naftaly re. Hoe re tamine:" Yaveh, ry Zagnahare Israely, mandily anao raho ty hoe:'
Mindehana agne am-bohitse Tabara, naho mindaisa lahilahy ray ale bakao Naftaly vaho Zebolona. [7]Hagnafake i
Sisera, mpitari-tafike Jabina raho, mba hifanoje aminao eo amity renerano Kisona, miarake amireo Kelesene
vaho reo tafine, naho hagnomea anao fandresea iereo raho."[8]Hoe ty Baraka tamine:" Laha miarake amiko riha, le
hindeha raho, nefa laha tsy miarake amiko riha, le tsy hindeha raho. [9]Hoe re:" Hiarake aminao vatane raho. Na
zay aza, ty lala ze hindehananareo le tsy hitarike anareo agne amity lazagnareo, fa hivarotre i Sisera eo antagna
ty ampela ty Yaveh." Le niakatre Debora naho niarake tamy Baraka nimbaeo Kadese.[10]Nikaike reo lahilahy
Zebolona vaho Naftaly mba hiarake ho agne Kadesy ty Baraka. Lahilahy ray ale ro nagnorike aze, naho niarake
tamine ty Debora.[11]Naho Hebera(ty Kenita) nisarake tamireo Kenita_foko i Hobaba iereo(rafozan-dahy i
Mosesy)_naho nanao ty tragnone teo amity terebinta tagne Zananima agnila i Kadesy re.[12]Laha fa nirehafe iereo
tamy Sisera fa niakatre tagne am-bohitse Tabara ty Baraka anadahign'i Abinoma, [13]le nikaike mafe reo Kalesene
iaby ty Sisera, Kalese vy sivanjato, naho reo miaramila iaby ze niarake tamine, zisikeo Haroseta ty Jentilisa ka
zisikagne amity renerano Kisona.[14]Hoe Debora tamy Baraka:" Mindehana! Fa toy ro andro ze nomea Yaveh
fandresea anareo eo amy Sisera.o Feie vao tsy mitarike anareo ty Yaveh?" Le nizotso bakegne am-bohitse Tabara
niarake tamireo lahilahy ray ale nagnorike aze ty Baraka.[15]Nifampihaogne Yaveh reo tafike Sisera, reo Kalesene
iaby, naho reo tafine iaby. Nanafike iereo ty lahilahy Baraka ja nizotso tamity kalese i Sisera naho nila an-
tomboke. [16]Fa hinia Baraka zisikagne Haroseta ty Jentilisa reo kalese vaho ty tafike, naho ty tafike Sisera iaby le
vinono tamity lela-meso, naho tsy nisy nienga na le lahilahy raike aza.[17]Nefa Sisera nilay antomboke tagne amity
tragno Jaela, valign'i Hebera Kenita, satria nilongo ty Jabina mpanjaka i Hazora, vaho ty foko i Hebera Kenita.
[18]Niakatre hijano amy Sisera ty Jaela naho nanao tamine ty hoe:" Miotaha, ry tompoko, miotaha amiko atoy naho
ko matahotre." Le niotake tagne amine re ka nilitre tao amity tragnone, naho nirakofane tamity bodo re.[19]Hoe re
tamine:" Mba omeo rano kele ho nome rie raho, fa tehinon-drano." Namoha kitapon-dronono re naho nagnomey
aze ho nomene, bakeo le nirakofane ndraike re. [20]Hoe re tamine:" Mitsangana eo an-dala tragno. Laha misy ndaty
avy naho magnontane anao ty hoe:' Misy ndaty vao ty ato?', le rehafo ty hoe:' Aha'."[21]Naho Jaela(valign'i Hebera)
nangalake tsatokan-day vaho fikala tegne antagnane naho nilitse moramora amine ao, fa tao agnate roro laleke
re, naho nasiane amity tsatokan-day tamity fikala teo amity lohane re naho nitsatoke tamine zay ka nirotsake
tamity tane, le mate re. [22]Laha nagnia i Sisera ty Baraka, le nagniry ty hiakatre hafanoje amine ty Jaela naho
nanao tamine ty hoe:" Avia, hatoroko anao lahilahy paienao." Le niarake nilitse tamine re, naho igno Sisera mate
mitsirara, miarake amity tsatokan-day teo agnila ty lohane.[23]Ka Tamize andro zay ro nadresean'Agnahare i Jabina,
mpanjaka i Kanana, teo agnoloa ty vahoake Israely. [24]Ty here ty vahoake Israely le nihamafe zisikagne nagnoloa
ty mpanjaka i Kanana, mandram-pamoteha gniereo aze.

Chapter 5

[1]Tamize andro zay Debora vaho Baraka anagn'i Abinoma le niantsa ty hira toy: [2]"Laha fa mitarike reo mpitarike ao Israely, laha fa manolo-bata am-pifalea ho amity aly ty vahoake le miantsa Yaveh tika![3]Midranjigna, nareo mpanjaka! Mifantoha, nareo mpitarike! Izaho, izaho le hiantsa ho ahy Yaveh; hiantsa fifalea ho ahy Yaveh, ty Zagnahare Israely raho. [4]Yaveh, laha fa niakatre bakagne Seira riha, laha fa nindeha bakagne Edoma riha, le hihorohoro ty tane, naho nihovitrovitre kea ty lagnitse; naho ty raho nampipoke rano avao kea.[5]Nihovitrovitre teo agnoloa ty vata Yaveh ty vohitse; na ty vohitse Sinay aza le nihovitrovitre teo agnoloa ty vata Yaveh, ty Zagnahare Israely. [6]Tamity andro i Samgara(anadahign'i Anata), tamity andro i Jaela, niala reo lalam-bey, naho reo ze nindeha avao ro nampiasa reo sakeli-dala miotakotake.[7]Tsy ampe ty mpialy tagne Israely, mandra-pandiliako, zaho Debora__ty rene mpandily tao Israely! [8]Tamy iereo nifily reo zagnahare vaovao, le nisy aly teo amity vavahady ty tana kanefa tsy nisy ampinga na lefo hisake teo amireo ndaty efetre ale tao Israely.[9]Ty arofoko magnenke ty mpandily ty Israely, miarake amireo vahoake ze nanolo-bata ampifalea__isaora ty Yaveh noho iereo! [10]Dineho zao__nareo ze mitikitse ampondra foty mitoboke eo amity lamba ho solo ty lasele, naho nareo ze mindeha amity lala.[11]Dranjigno ty feo gnireo ze miantsa eo amity tane fanondraha. Agne ro paie iereo ndraike ty hamarea ty asa Yaveh, vaho ty fahitia ty asa reo mpialine tagne Israely. Bakeo le nizotro teo amity vavahady ty tana reo vahoake Yaveh.[12]Mifihaza, mifohaza, ry Debora! Mifohaza, mifohaza, miantsa antsa! Mitsangana, ry Baraka, ento ty Gadranareo, riha ry anadahign'i Abinoma. [13]Bakeo le nizotro teo amireo ndaty manan-kaja reo sisa velo; nizotro nimbaeo amiko niarake tamireo mpialy ty vahoake Yaveh.[14]Bakagne Efraima iereo, ty fotora iereo le agne Amaleka; nagorike anareo reo vahoake Benjamina. Nizotro bakagne Makira reo mpifehe, naho bakagne Zebolona reo ze minday ty tehe ty manan-kasy.[15]Niarake tamy Debora reo andriako tao Isakara; naho Isakara niarake tamy Baraka nikoropake nagnorike aze tagne am-baibo ty aze ambane fehene. Tao amireo foko i Robena le nisy fikasa ty arofo foloay.[16]Nagnino riha ro mitoboke eo agnivo vala, mijano reo mpiarak'agnondry mitioke ty sody ho ahy ty agnondry aman'ose? Laha ty amity foko i Robena le nisy fikasa ty arofo foloay.[17]Nijano tagne andafe i Jordana ty Gileada; naho Dana, nagnino re ro nivezeveze tegne ambone sambo? Nijano tegne amoron-driake ty Asera naho nitoboke agnila ty seragnan-tsambo. [18]Zebolona le foko nanao vy vere ty aine zisike ty fifateza, naho Naftaly, avao kea, le teo amity baibon'aly.[19]Avy reo mpanjaka, nialy iereo; nialy tagne Tanaka teo antsisy ty rano i Megido reo mpanjaka i Kanana. Nefa tsy nangalake volafoty ho ravae iereo. [20]Bakegne amity lagnitse ro nialia gnireo kinta, bakegne amity lala iereo magnera ty lagnitse ro nialia gniereo tamy Sisera. [21]Namaoke iereo ty Renerano Kisona, renerano faha-raza, ty renerano Kisona. Mindena avao ry fagnahiko, mimafea! [22]Naho le nikatrokatroke ty kitro ty soavale__milaisa, le ty lailay gnireo maherene.[23]'Ozogno Meroza!' hoe ty anjely Yaveh. 'Ozogno le ozogno ty vahoake amine ao!__satria iereo tsy avy mba hagnampe Yaveh__hagnampe Yaveh amity aly handietse reo mpialy mahere.'[24]Voavonje mihoatre noho reo ampela iaby ty Jaela (ty valign'i Hebera Kenita), voavonje mihoatre noho ty ampela iaby ze mitoboke ao antragno re. [25]Rano ro nangatahen-dralehilahy, naho ronono ro nomeane aze; nindaisane dibera teo ampinga natoka ho ahy ty roandria re.[26]Napetrane teo amity tsatokan-day ty tagnane, naho ty tagnane havana tamity fikala ty mpiasa; le nagnisy i Sisera tamity fikala re, tinorotorone ty lohane. Laha nitsatoke ty fihirifane re le pinotepotene ho toro ty karan-dohane. [27]Lavo teo agnivo ty tombone re, nitonta re naho nidaraboke teo. Teo agnivo ty tombone re ro nitsilay. Teo amity toera namonoa aze tamin-kozatre ro nahatonta aze.[28]Nijilo teo andafonete re__nijilo teo amity makarakara ty lafonete ty rene i Sisera naho nikaike mafe tamity heloke ty hoe:' Nagnino ro ela loatre vaho avy ty kalesene? Nagnino ty kitro ty soavaline ty mitarike ty kalesine ro midroreratre?'[29]Namale ty hendre vatane tamity roakemba, naho re vatane avao ro namale aze ty hoe: [30]"Tsy fa nahisake vaho nizara ty ndevo vao iereo? Ampela raike, na ampela roe ho ahy ty isan-dahy; fadrompaha lamba mena ho ahy Sisera, fandrompaha lamba mena misy peta-kofehe, lamba mena roe misy peta-kofehe ho eo ambozognireo nadrompake?'[31]Ho rava anie ty fahavalonao iaby, ry Yaveh! Fa reo namanao kea le hanahake ty masoandro lafa fa miboake amity herene." Le niroro zisike ty efapolo tao ty tane.

## Chapter 6

[1]Nanao ze raty teo amaso Yaveh ty vahoake Israely, naho natolone teo antagna ty Midiana zisike ty fito tao iereo.
[2]Nampijale ty Israely ty fahefa Midiana. Noho ty amity Midiana, le nanao aloke ho ahy iereo tao amity zohy tegne
amity tazoa, tagne andava-bato, naho tao amity fiarova mafe ty vahoake Israely.[3]Naho isake ty nambole reo
vokane ty Israely, le nanafike iereo ty Midiana vaho ty Amalekita naho ty ndaty bakagne antignana. [4]Nametrake
ty tafine teo amity tane iereo naho namoteke reo vokatre, tegne amity lala iaby mbaeo Gaza. Tsy nagnenga sakafo
ho ahy Israely, na agnondry, na biby hare, na ampondra iereo.[5]Isake ty miakatre iereo vaho ty biby harene naho
ty tragnone, le manahake ty tokom-balala ty fiavy iereo, naho tsy vita isafe na ty ndaty na reo ramevane.
Nanafike ty tane mba hamoteha zay iereo. [6]Tena nahaosa reo Israely vatane ty Midiana kay nikaike mafe Yaveh
ty vahoake Israely.[7]Laha fa nikaike mafe Yaveh ty vahoake Israely noho ty amy Midiana, le nandefa mpaminane
ho ahy Israely ty Yaveh. Hoe ty mpaminane tamy iereo ty hoe: [8]"Ezao ro safa Yaveh, Zagnahare Israely:' Ninday
anareo niakatre bakagne Egypta raho; ninday anareo niakatre bakao amity tragno fagnandevoza raho.[9]Namonje
anareo teo amity tagna ty Egyptiana, vao teo amity tagna reo iaby ze nampijale anareo reho. Nandroake iareo teo
agnoloa nareo, vaho nagnomea ty tanene ho anareo raho. [10]Hoe raho taminareo ty hoe:" Izaho ro Yaveh
Zagnaharenareo; nandily anareo tsy hanompo ty zagnahare ty Amorita, agne amity tane hitobohanareo raho."
Nefa tsy nanenke ty feoko nareo."'[11]Naho avy ty anjely Yaveh ka nitoboke teo ambanety hetae terebinta tao Ofra,
zay agne Joasy (ty Abiezrita), laha nanarake ty vare tamity famofoha aze tamity tane, teo amity fameaha divay ty
Gideona, anagn'i Joasy_mba hamonia zay amireo Midiana. [12]Niseho tamine ty anjely Yaveh ka nirehake tamine ty
hoe:" Miomba anao ty Yaveh, ry mpiambe mahere!"'[13]Hoe ty Gideona tamine:" Nefa, ry tompoko, laha miomba
anay Yaveh, nagnino ro miseho aminay zao iaby zao? Aia ty asa mahagaga ze nirehafe ty razanay taminay, tamy
iereo nirehake ty hoe:" Tsy ninday anay niakatre bakagne Egypta vao ty Yaveh?' Nefa henanekezao le fa nahafoe
anay ka nanolotre anay teo antagna ty Midiana Yaveh."[14]Nanente aze Yaveh ka nirehake ty hoe:" Mindehana
amizao here le fa anagnanao zao. Afaho eo antagna ty Midiana ty Israely. Tsy le fa nagnirake anao avo raho?"
[15]Hoe Gideona tamine:" Ino va rie ry tompo ro hamonjeako Israely? Ingo, ty longoko ro maleme vatane ao amy
Manase, naho zaho ro farane tsy manan-danja ao antragno babako.[16]Hoe ty Yaveh tamine:" Homba anao raho,
naho haharese ty tafike ty Midiana iaby manahake ty ndaty raike riha." [17]Hoe ty Gideona tamine, laha mahisake
hatea aminao raho, le ameo famantara raho fa riha vatane ro mirehake amiko. [18]Ko midiso eto rie, zisike hiaviako
eto aminao hinday ty fagnomea naho hanao zay eo agnoloa nao." Hoe ty Yaveh:" Hiambe raho zisike ty
fiherenao."[19]Naho lasa ty Gideona ka nagnoma anak'ose naho bakamity lafarina feno ty efaha ro nanaovane mofo
tsy misy masirasira. Nataone tao agnate haro ty hena, naho nataone tao agnate velagne ty rone le nientene teo
amine teo ambane hetae terebinta, naho natorone iereo. [20]Hoe ty anjelin'Agnahare tamine:" Raeso ty hena vaho ty
mofo tsy misy masirasira ka atoboho eo ambone ty vatolampy toy reo, naho ailigno ho eo amireo ty rone." Le zay
ro natao i Gideona.[21]Naho ty anjely Yaveh namototre ty loha ty tehe tamity tagnane. Tamizay ro nikasihane hena
vaho ty mofo tsy misy masirasira; nisy afo nagnamasake ty hena vaho ty mofo tsy misy masirasira. Bakeo le lasa
ty anjely Yaveh ka tsy nahisake aze sase ty Gideona.[22]Naho Gideona nahay fa anjely Yaveh re. Hoe ty Gideona ty
hoe:"Oh, ry Yaveh Zagnahare! Fa nifagnatre-tarehe tamity anjely Yaveh raho!" [23]Hoe ty Yaveh tamine:" Fiadagna
anie ho anao! Ko matahotre, fa tsy ho mate riha." [24]Naho nagnore alitara ho ahy Yaveh teo ty Gideona. Natao ty
hoe:" Yaveh le fiadagna" zay. Zisike androany le mboe mitsanga ao Ofra ty foko i Abiezrita zay.[25]Naho tamize hale
zay le hoe ty Yaveh tamine:"Alao ty agnombe lahin-draenao, le ty agnombe lahy faharoe zay le fa fito tao, ravao ty
alitara i Bala ty andraenao, naho tampaho ty Aseraha ze eo agnila zay. [26]Mannangana alitara ho ahy Yaveh
Zagnahare nareo eo amity loha ty toera fialofa toy, le aoregno arake ty tokone ho ie zay. atolotre ho fagnatetre
oroa ty agnombe lahy faharoe, amity fampiasa ty hetae bakamity Aseraha ze tinampake."[27]Ka nangalake folo
tamireo mpanompone ty Gideona naho nanao arake ze nirehafe Yaveh tamine. Naho satria natahotre loatre ty
longondraene vaho reo lahilahy tao antana ty hanao zay zisike ty andro re, le nataone zisike ty haleke zay.[28]Tamy
ty maray laha fa nifoha ty lahilahy tao antana, le fa rava ty alitara i Bala, naho ty Aseraha teo agnilne le
voatampake, naho ty agnombe lahy faharoe le natao fagnatetre teo amity alitara ze vaho naore. [29]Ty lahilahy teo
antana le nifampitsara ty hoe:" Ia ro nanao zao?" Laha fa nirehake tamity hafa iereo ka nipay ze valene, le hoe
iereo:" Gideona anagn'i Jaosy ro nanao zao zaka zao."[30]Naho hoe reo lahilahy tao antana tamy Joasy ty hoe:"
Akaro ty anako mba honoe ho mate, satria rinavane ty alitara i Bala, naho satria tinampane ty Aseraha teo agnila
zay."[31]Hoe ty Joasy tamireo iaby ze nandietse aze ty hoe:" Hifona ty zaka-misy ho ahy Bala vao nareo? Hamonje
aze vao nareo? Na ia ia hifona ho aze, le ao re ho vonoe ho mate laha mboe maray kea. Laha zagnahare ty Bala,
ao re hiaro ty vatane laha fa rinava ty ndaty ty alitarane." [32]Naho tamize andro zay ty Gideona le natao gniereo ty
hoe:" Jerobala," satria hoe re ty hoe:" Ao hiaro ty vatane ty Bala." satria le fa nandrava ty alitara i Bala ty Gideona.

[33]Naho ty Midianita vaho ty Amalekita naho ty ndaty iaby bakagne antignana le niraike fivory. Nitsake i Jordana
iereo naho nitobe teo amity baibo i Jezirela.[34]Fa avy tamy Gideona ty fagnahy Yaveh. Nitioke ty trompetra, nikaike
ty fokom-bey Abiezrita ty Gideona, mba hagnoriha gniereo aze. [35]Nandefa irake era i Manase iaby re, naho iereo
kea, le voakaike mba hagnorike aze. Nandefa irake ho ahy Asera, Zebolona, naho Naftaly avao kea re, naho
niakatre mba hifanoje amine iereo.[36]Hoe ty Gideona tamin'Agnahare:" Laha nidineke ty hampiasa ahy hamonje
Israely riha, arake ze nirehafenao_[37]Ingo, zaho mametrake ty volon'agnondry eo amity famoloa. Laha misy mika
eo amity volon'agnondry, ka maike eo amity tane iaby, le ho haiko fa hampiasa ahy mba hamonje Israely riha,
arake ze nirehafenao."[38]Hoe zao ty zaka nisy_nifoha maray ty Gideona te hamaray, niara-nifohazane ty
volon'agnondry, naho nisy mika niakatre tamity volon'agnondry, ampe nahafeno finga raike ty rano.[39]Naho hoe ty
Gideona tamin'Agnahare ty hoe:" Ko meloke amiko, fa mboe hirehake ndraike raho. Engao rie raho mba
hagnandra hampiasa ndraike ty volon'agnondry. Ho maike ty volon'agnondry amio andro io, naho ao ho feno
mika ty tane magnodidy aze." [40]Nanao ze nangatahene ty Zagnahare tamize haleke zay. Ty volon'agnondry le
maike, naho feno mika teo amity tane iaby nagnodidy zay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 7

[1]Le nifoha maray ty Jerobala (Gideona zay), vaho ty vahoake iaby ze niarake tamine, naho nitobe teo agnila ty
loharano i Haroda iereo. Ty tobe i Midiana le tao avara iereo tao am-baibo agnila ty vohitse More.[2]Le hoe ty
Yaveh tamy Gideona ty hoe:" Maro loatre amiko reo miaramila, mba hagnomeako faharesea ho anao eo amireo
Midianita, mba tsy hirehareha Israely amiko, hanao ty hoe:' Ty harinay ro namonje anay.' [3]Naho henanekezao,
ambarao eo antsofy ty vahoake ka lazao ty hoe:" Na ia ia matahotre, na ia ia mihovitre, le ao re hihere ka hiala ao
am-bohitse Gileada."' Le lasa ty ndaty roe arivo vaho roe ale noho zay, naho ty ray ale kea nijano.[4]Le hoe ty Yaveh
tamy Gideona ty hoe:" Mboe maro loatre avao ty ndaty. Ento mizotro egne amity rano iereo, naho hazotroko ho
anao egne ty isagn'iereo. Laha hoe raho aminao ty hoe:' Ty raike toy ro hiraike aminao,' le hiarake aminao re; fa
laha hoe raho ty hoe:' Ty raike toy tsy hiarake aminao,' le tsy hiarake aminao re."[5]Le niente Gideona nizotro tegne
amity rano ty ndaty, naho hoe ty Yaveh tamine ty hoe:" Atokano iaby ze mitselake ty rano, manahake ty fitselake
ty amboa, aminireo ze mandohaleke ambane mba hino." [6]Lahilahy telonjato ro nitselake. Ty sisa tamity lahilahy
kea nandohalike mba hino rano.[7]Le hoe ty Yaveh tamy Gideona ty hoe:" Amity alala reo telonjato lahy ze
nitselake ty rano, ro hagnavotako anareo, vaho hagnomezako anareo ty fandresea eo amireo Midianita. Ao ty
lahilahy hafa iaby hihere agne antanane iaby." [8]Ka le nangalake reo vatiane vao reo trompetrane reo ze voafily.
Nampolie Gideona ty lahilahy Israely iaby, ty lahilahy iaby mba sambe ho ao antragnone, nefa nitanane reo
telonjato lahy. Naho ty tobe Midianita le tambanene tao am-baibo.[9]Tamio haleke eo le hoe ty Yaveh tamine ty
hoe:" Mifohaza! Agnisio ty tobe, fa homeiko anao ty faharesea zay. [10]Fa laha matahotre ty hizotro kea riha, le
mizotro ao antombe miarake amy Pora mpanomponao, [11]naho dranjigno ze rehafe iereo, le hatanjake ty herem-
ponao amity fanafiha ty tobe." Naho le nizotro niarake tamy Pora mpanompone, tao amireo toera fiambena ty
tobe Gideona.[12]Ny Midianita, ty Amalekita, vaho ty mdaty iaby bakagne antignana le niraike nitoboke tao am-
baibo, maro le maro manahake ty tokom-balala. Tsy hay isafe ty rameva iereo; maro tane ty faseke egne amoron-
driake iereo.[13]Lafa fa niavy tao ty Gideona, le nisy lahilahy reike nitalily nofy tamity namane. Le hoe ty lahilahy ty
hoe:" Ingo! Nagnonofy raho, naho nahisake mofo hordea boribory nihodikody tao antombe i Midiana. Le niavy
tao antragno zay, naho nidofotre aze mafe vaho nitonta ka nivalike ambone ambane, ka le pisake." [14]Le hoe i
Lahilahy raike igne ty hoe:" Tsinontsino zay mihoatre ty meso i Gideona (anadahign'i Joasy), Israelita. Lefa
nagnomea aze faharesea teo amireo Midiana, vaho ty miaramilane iaby ty Zagnahare."[15]Laha fa reign'i Gideona
ndraike ty talily nofy vaho ty dika zane, le nihohoke nivavake re. Le nihere tao antombe Israely re ka nanao ty
hoe:" Mifohaza! te fa nomea Yaveh anareo tyt faharesea ty miaramila Midiana." [16]Le zinarane ho vondro telo ty
telonjato lahy, naho nomeane trompetra vaho siny foa iereo iaby, miarake amireo fanilo agnate ty siny kirai-
kiraike.[17]Le hoe re tamy iereo ty hoe:" Manentea ahy ka anovo ze ataoko. Henteo! laha fa avy eo amity sisy ty tobe
raho, le tsy maintsy hataonareo ze hataoko. [18]Laha fa mitioke ty trompetra raho, le zaho vaho iaby ze miraike
amiko, le tiofo magnodidy ty tobe iaby avao kea ty trompetranareo ka mikoraha ty hoe:' Ho ahy Yaveh vaho
Gideona!"'[19]Le niavy teo antsisy ty tobe ty Gideona vaho ty zato lahy ze niarake tamine, tamity fiatomboha ty
agnivo ty lera vatane. Laha teo am-panoloa mpiambe vatane reo Midianita, le tiniogniereo ty trompetra naho
vinaky iereo ty siny ty tegne antagna iereo.[20]Nitiofegnireo vondro telo reo trompetra naho vinakine reo siny.
Nitana iereo tamity tagna ankavia reo fanilo naho tamity tagna havana kea reo trompetra mba hitiofa zay. Le
nikorake mafe iereo ty hoe:" Ty meso Yaveh vaho i Gideona." [21]Nitsanga nagnodidy ty tobe tamity fitobohane iaby
ty lahilahy Midiana iaby. Le nikai-kaike iereo naho lasa nilay.[22]Laha fa nitiofegniereo ty trompetra telonjato, le
natao Yaveh nifagnisy tamity meso reo Midianita vaho ty namane naho ty tafine iaby. Le nilay zisikagne Beti-Sita
zisikagne Zereraha ty miaramila, zisikagne amity faritane Abela-mehola, agnila i Tabata. [23]Kinaine mafe reo
lahilahy Israely bakagne Naftaly, Asera, naho Manase iaby, naho nagnia ty Midiana iereo.[24]Le nagnirake mpinday
talily nagnera ty tane tazoa i Efraima iaby Gideona, nanao ty hoe:" Mindehana mizotro handietse ty Midiana ka
araho maso ty rano i Jordana, zisikagne Beti-bara, mba hampidranogna iereo." Le niarake nivory ty lahilahy
Efraima iaby ka nagnara maso reo rano, zisikagne Beti-bara vaho ty renerano Jordana. [25]Voatsepa iereo ty
roandria Midiana roe, Oreba vaho Zeba. Nivonoe iereo tagne amity vatolampy i Oreba ty Oreba, naho nivonoe
iereo tagne amity fameaham-boalobok'i Zeba ty Zeba. Le nagnia ty Midiana iereo, naho niente iereo teo amy
Gideona ty loha i Oreba vaho i Zeba, ty tagne amity lafine raike hafa i Jordana.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 8

[1]Hoe reo lahilahy i Efraima tamy Gideona ty hoe:" Ino zao zaka nataonao taminay zao? Tsy nikaike anay riha laha
nindeha nialy tamity Midiana." Nifamale mafe tamine iereo.[2]Hoe re tamy iereo ty hoe:" Ino are ro vitako
henanezao laha ohare aminareo? Feie vao ty famoriam-boaloboke Efraima tsy soa kea mihoatre ty fihazam-
boalobok'i Abiezera? [3]Zagnahare le fa nagnomea faharesea anareo teo agnoloa ty roandria ty Midiana__le Oreba
vaho Zeba! Ino moa ty vitako mihoatre ze vitanareo?" Vagno ty helogniereo tamine laha fa nirehake zay re.[4]Avy
teo amy Jordana Gideona naho nita zay, re vaho reo lahilahy telonjato ze niarake tamine. Rerake loatre iereo,
nefa le mboe nanohy ty fagniagna avao. [5]Hoe re tamity ndaty tao Sokota ty hoe:" Mba ameo mofo reo ndaty
magnorike ahy, satria rerake loatre iereo, naho zaho hagnia i Zebaha vaho Zalamona, mpanjaka Midiana.[6]Le hoe
reo manampahefa ty hoe:" Feie vao eo antagnanao ty tagna i Zebaha vaho Zalmona te amizao? Nagnino ro tokone
hagnomea mofo ho ahy reo miaramilanao zahay? [7]Hoe ty Gideona ty hoe:" Laha fa omea Yaveh faharesea zahay
magnoloa i Zebaha vaho Zalamona, le ho riateko amity fatike bakagne agnefetre vaho raketa ty
holignareo."[8]Niakatre bakao re mba ho agne Penoela naho nirehake manahake zay tamity ndaty tao avao kea, fa
ty ndtay tao Penoela namale aze manahake reo famale ty ndaty tao Sokota. [9]Nirehake tamity ndaty i Penoela avao
kea re nanao ty hoe:" Laha fa tafim-poly ampilamina ndraike raho, le haravako ty tilikambo toy."[10]Naho niarake
tamireo miaramilane tao Karkora ty Zebaha vaho Zalamona, tokone ho lahilahy dime arivo vaho ray ale eo, ty
sisa iaby tamity tafike ty vahoake antignana iaby, satria nisy lahilahy 120.000 lavo ze voaofa hialy amity meso.
[11]Niakatre ty lala ty mpitoboke antragno ty Gideona, nandrio tao Noha vaho Jogbeha. Nandrese reo tafike
fahavalo re, satria tsy nanompo ty fanafiha iereo. [12]Nilay ty Zebaha vaho Zalmona, naho laha nagnia iereo ty
Gideona, le voatsepane reo mpanjaka roe i Midiana__i Zebaha vaho Zalmona__naho nampihorohoroene ty tafike
iereo iaby.[13]Gideona, anadahign'i Joasy, le nihere bakagne amity aly naho nandrio teo amity lala Heresa.
[14]Nifanoje tamina-jalahy raike bakamity vahoake tao Sokota re naho nipay hevetre tamine. Natalily ty ajalahy aze
ty mombamomba reo mpitarike ty Sokota vaho reo olobey tao, fito amby fitompolo lahy iereo.[15]Naho niavy tao
amireo lahilahy Sokota ty Gideona ka nanao ty hoe:" Ingo Zebaha vaho Zalmona, ze nagnafaha nareo ahy vaho
nirehafanareo ty hoe:' Tefa naharese i Zebaha vaho Zalmona vao riha? Tsy hainay fa tokone hagnomey mofo rey
tafike nao zahay."' [16]Nalae Gideona reo olobey tao amity tana, naho nililovene tamity fatike bakagne agnefetre
vaho raketa reo lahilahy Sokota. [17]Bakeo le naravane ty tilikambo tao Penoela naho vinonone ty lahilahy tao
amize tana zay.[18]Le hoe ty Gideona tamy Zebaha vaho Zalmona ty hoe:" Lahilahy manahake ty akore ro vinono
nareo tao Tabara?" Namale iereo ty hoe:" Manahake anao avao iereo. Ty kirai-kiraike tamy iereo le manahake ty
anaka mpanjaka iaby. [19]Hoe ty Gideona ty hoe:" Rahalahiko iereo, anadahign'i reneko. Laha velo kea ty Yaveh,
laha namonje iereo ho velo nareo, le tsy namono anareo raho.[20]Hoe re tamy Jatera(anadahine voalohane) ty hoe:"
Mitsangana naho vono iereo!" Fa ty ajalahy tsy nagnafake ty mesone fa natahotre, satria mboe ajalahy kele re.
[21]Le hoe Zebaha vaho Zalmona ty hoe:" Mitsangana riha naho vono zahay! Fa arake ty toera ty ndaty avao ty
herene." Nitsanga Gideona naho namono i Zebaha vaho Zalmona. Nafahane avao kea ty ravake sarem-bolan-
tsina ze tambozo ty rameva iereo eo.[22]Dranjigno ty lahilahy Israely tamy Gideona ty hoe:" Mandilia anay__riha, ty
anagnao lahy, naho ty zafekede nao lahy__satria riha ro nagnavotre anay teo amity tagna i Midiana." [23]Hoe ty
Gideona tamy iereo ty hoe:" Tsy handily anareo raho, na ty anadahiko kea aza le tsy handily anareo. Fa Yaveh ro
handily anareo.[24]Nitalily tamy iereo ty Gideona ty hoe:" Ao raho hanao fangataha aminareo: le ty hagnomeanareo
ahy reo kavy baka rinava." (Nana kavy volamena reo Medianita satria Isimaelita iereo.) [25]Namale iereo ty hoe:"
Ankafalea ro hagnomezanay reo anao." Namelatre lamba iereo naho sambe nanorake reo ravake baka rinavane
ty lahilahy iaby.[26]Ty lanja ty kavim-bolamena ze nangatahene le sekele volamena 1.700. Ze fandrompaha zay le
niampe ty ravake sarem-bolan-tsina, reo ravake, ty akanjo volomparasy ze nanaova reo mpanjaka ty Midiana,
naho niampe ty ravake ze nagnodidy ty vozo ty rameva iereo.[27]Nagnamboatre efoda bakamireo kavy ty Gideona
naho napetrane tao antanane, tao Ofra zay, naho nampitsangatsangane ty vatane tamity fanompoa zay teo ty
Israely iaby. Lasa fitake ho ahy Gideona vaho ho ahy reo ze tao antragnone zay. [28]Ka le rese teo agnoloa ty
vahoake Israely iereo Midiana naho tsy namboatre ty loha iereo sase iereo. Naho nilamy zisike ty efapolo tao ty
tane tamity andro i Gideona.[29]Jerobala, anadahign'i Joasy, nindeha ka nitoboke tao antragnone. [30]Nana anake
fitompolo lahy fokone ty Gideona, satria maro valy re. [31]Ty valitsindranone, zay tao Sekema, le niterake ajalahy
tamine kea, naho Gideona nognomea aze ty agnara ty hoe: Abimeleka.[32]Gideona, anadahign'i Joasy, le mate iaby
amin-kahantera soa naho naleve tao Ofra tao amity kibory Joasy raene, foko i Abiezrita. [33]Naho laha vaho mate ty
Gideona, nihere ndraike reo anagn'Israely naho nampidehandeha ty vatane tamity fanompoa reo Bala. Natao
iereo ho Zagnaharene ty Bala-berita.[34]Naho ty vahoake Israely le tsy nahatiaro ty hagnomey laza Yaveh,


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Zagnahare iereo, ty nagnavotre iereo teo amity tagna reo fahavalo iaby magnodidy. 
35 Tsy niambe ty fampagnategnane tamity tragno i Jerobala (na Gideona) iereo, mba ho vale ty soa iaby nataone tamy Israely.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 9

[1]Nimbaeo amity longon-drenene tagne Sekema Abimeleka anagn'i Jerobala naho nirehake tamy iereo vaho ty
foko ty longon-drenene iaby ty hoe:[2]"Mba ambarao rie zao, mba rey ty mpitarike iaby ao Sekema:'Ino ro mete
atao aminareo: mana ty anagn'i Jerobala fitompolo lahy handily eo aminareo, sa raike avao ro mandily eo
aminareo?' Tiarovo fa nofotse vaho lio nareo raho."[3]Nirehake tamireo mpitarike Sekema ho ahy iereo
logondrenene, naho nagnarine ty hagnorike i Abimeleka iereo, satria hoe iereo ty hoe:" Rahalahintika re."
[4]Nomea iereo volafoty malineke fitompolo bakao antragno i Bala-berita re, naho nampiasa i Abimeleka hikarama
reo lahilahy mpandika lily vaho mahasakisaky raty ze nagnorike aze zane.[5]Nimbaeo antragno ty raene tagne Ofra
ty Abimeleka, naho nivonoene teo ambone ty vato raike reo rahalahine fitompolo, le reo anagn'i Jerobala. Jotama
ro sisa tavela, le ty anagn'i Jerobala faralahy, satria nihaja re. [6]Niraike avy ty mpitarike Sekema vaho Beta-milo
iaby ka nindeha naho nanao i Abimeleka ho mpanjaka, teo agnila ty hetae terebinta agnila ty ambe ze agne
Sekema.[7]Laha fa nirehafena ty mikasike zay ty Jotama, le nindeha re naho nitsanga teo ambone ty vohitse
Gerizima. Nikaikaike re ka nirehake tamy iereo ty hoe:" Dranogno raho, nareo mpitarike Sekema, mba
hidranognan'Agnahare anareo. [8]Tamity andro raike le niakatre ty hetae mba hagnosotre mpanjaka raike ho eo
amiereo. Satria hoe iereo tamity hetaen'oliva ty hoe:" Manjaka aminay.'[9]Nefa hoe ty hetaen'oliva tamiereo:"
Tokone hafoeko vao ty diloiloko, ze ampiasae hagnomean-kasy reo zagnahare vaho ty ondaty, mba hahafahako
mindeha mihere, ka hitsikefa egne amity hetae hafa avao zane?' [10]Hoe reo hetae tamity aviavy:' Avia ka manjaka
aminay.' [11]Fa hoe kea ty aviavy tamiereo:' Tokone hafoeko vao ty hamamiko vaho ty voa soako, mba hahafahako
mihere ka hitsikefa eo amireo hetae hafa avao zane?[12]Hoe reo hetae tamity voaloboke:' Avia ka manjaka aminay.'
[13]Hoe ty voaloboke tamiereo ty hoe:'Tokone hafoeko vao ty divay vaovaoko, ze mampifale ty zagnahare vaho ty
ondaty, ka hihere naho hitsikefa eo amireo hetae hafa?' [14]Le hoe ty hetae iaby tamity fati-draketa:' Avia ka
manjaka aminay.'[15]Hoe ty fati-draketa tamireo hetae:' Laha tena te hagnosotre ahy ho mpanjaka eo aminareo
nareo, le avia naho mipaia fiaro eo ambane ty aloko. Laha tsy zay, le ao hiakatre bakao amity fati-draketa ty afo
naho ao zay hagnoro ty sedera i Libanona.' [16]Henanekezao are, laha nanao ty mare vaho mahity nareo, tamity
nagnanova nareo i Abimeleka ho mpanjaka, naho laha nanao ty soa mikasike i Jerobala vaho ty fokone, naho
laha nagnalilo aze arake ze sahaza aze nareo__[17]__naho midineke fa nialy ho anareo ty raeko, nanao vy vere ty
arofone, naho namonje anareo tamity tagna i Midiana__[18]fa henanezao nareo le fa nitsanga handietse ty fokon-
draeko naho namono reo anadahine, le ndaty fitompolo, teo ambone vato raike zay. Naho natao nareo mpanjaka
eo amireo mpitarike Sekema ty Abimeleka, ana ty mpanompo vavene, satria longonareo re.[19]Laha manao ty mare
vaho mahity tamy Jerobala vaho ty fokone nareo, le tokone hifale amy Abimeleka, naho hagnenga aze hifale
aminareo. [20]Fa laha tsy zay, le ao hisy afo hiakatre bakao amy Abimeleka ka hagnoro ty ndaty i Sekema vaho Beta-
milo. Ao hisy afo hiakatre bakao amireo ndaty Sekema vaho Beta-milo, mba hagnoro i Abimeleka." [21]Nilay naho
nipolatitse ty Jotama, naho nindeha tagne Bera re. Nitoboke tagne re satria lavitre i Abimeleka rahalahine zay.
[22]Nandily teo amy Israely zisike ty telo tao ty Abimeleka. [23]Le nandefa fagnahy raty teo amy Abimeleka vaho reo
mpitarike Sekema Zagnahare. Namadike ty toky ze nanagna iereo tamy Abimeleka reo mpitarike Sekema.
[24]Nanao zay Zagnahare mba ho voavale fate ty rehareha natao tamireo ana i Jerobala fitompolo lahy, naho ho
voata ho tompon'antoke reo ndaty Sekema satria nagnampe aze namono reo rahalahine iereo.[25]Ka le nametrake
ndaty hiambe teo ambone tazoa reo mpitarike mba hahafaha iereo magnisy aze tampoke, naho sinimba iereo
iaby reo ze nadrio teo amiereo teo amize lala zay. Voatao tagne amy Abimeleka zay.[26]Le niavy niarake tamireo
longone ty Gala ana i Ebeda naho nimbaeo Sekema. Nana fatokia tamine ty mpitarike sekema. [27]Niakatre tagne
ambaibo iereo naho namory voaloboke bakao amity tanem-boaloboke, naho le linialiane zay. Nanao fifalea tao
antragno ty zagnaharene iereo, ty nihinana iereo vaho ninomane, naho nagnozogna iereo i Abimeleka.[28]Hoe ty
Gala, ana i Ebeda hoe:" Ia moa ty Abimeleka, naho ia ty Sekema, ro le tokone hanompo aze tika? Feie tsy ana i
Jerobala vao re? Feie tsy Zebola vao ro lefene? Tompo ty ndaty Hamora, le ty rae Sekema zay! Nagnino tika ro
tokone hanompo i Abimeleka? [29]Irieko mba teo ambane fifeheako ty vahoake toy! Le ho nafahako ty Abimeleka.
Le nirehake tamy Abimeleka raho hoe:' Kaiho ty tafinao iaby."'[30]Laha fa naharey ty reha Gala ana i Ebeda iaby ty
Zebola, manan-kasy ty tana, le nirehetre ty helone. [31]Nandefa irake tagne amy Abimeleka re mba hamitaha,
nanao hoe:" Ingo, Gala ana i Sekema, naho magnafake ty tana handietse anao iereo.[32]Amizao are, le mifohaza
zisike ty hale, riha vaho reo miaramila miarake aminao, ka magnomagna fanafiha tampoke agne ambaibo.
[33]Naho amity maray, vatane vaho mihiratre ty masoandro, le mifohaza maraindray naho manova rodobey egne
amity tana. Laha fa miakatre handietse anao re vaho reo ndaty miarake amine, le manova ze afanao
amiereo."[34]Ka le nifoha zisike ty hale ty Abimeleka, vaho reo lahilahy iaby ze niarake tamine, naho nametrake
fanafiha tampoke handietse i Sekema iereo__nizara ho toko efetre zay. [35]Niakatre ty Gala ana i Ebeda naho


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nitsanga teo amity filira teo amity vavahady ty tana. Niakatre bakao amity toera fihajane ty Abimeleka vaho reo
lahilahy niarake tamine.[36]Laha fa hisa i Gala reo lahilahy, le hoe re tamy Zebola hoe:" Ingo, misy ndaty mizotro
bakagne antazoa!" Hoe Zebola tamine hoe:" Hoe ty ndaty ty fahisahanao reo aloke eo amity tazoa." [37]Le nirehake
ndraike ty Gala ka nanao hoe:" Ingo, misy ndaty mizotro eo ampagnivoa ty tane, naho misy tokona raike niavy
bakeo amity hetae terebinta reo mpagnandro."[38]Le hoe Zebola tamine:" Aia are reo rehake fieboebonao
henanezao, riha ty nirehake hoe:' Ia moa i Abimeleka ro tokone ho tompoentika?' Feie vao tsy nagnaraty reo
lahilahy reo riha? Miakara amizao ka mialia amiereo. [39]Niakatre ty Gala naho nitarike reo lahilahy Sekema, naho
nialy tamy Abimeleka iereo. [40]Nagnia aze ty Abimeleka, naho nilay teo agnoloa i Gala. Maro ro lavo ty fere
mamono teo agnoloa ty filira teo ambavahady ty tana.[41]Nitoboke tagne Amora, ty Abimeleka. Sinere i Zebola
hiakatre agne Sekema ty Gala vaho reo longone. [42]Ty hamaray le niakatre hoagne ambaibo reo vahoake i Sekema,
naho voatao tagne amy Abimeleka zay. [43]Nangalake reo vahoakene re, nizara iereo ho toko telo, naho nagnoma
fanafiha tampoke tagne ambaibo iereo. Nijilo re ka nahisake ty ndaty niakatre bakagne antana naho nanafike re
ka namono iereo.[44]Nanafike naho nanampe ty filira teo amity vavahady ty tana i Abimeleka vaho reo antoko
niarake tamine. Reo antoko roe hafa le nanafike reo iaby tagne ambaibo naho namono iereo. [45]Nialy handietse ty
tana iaby tamy andro zay ty Abimeleka. Nambabo ty tana re, naho namono reo vahoake ze tao amizay. Naropane
ty manda ty tana ka nirarahane sira zay.[46]Laha fa naharey ty momba zay reo mpitarike teo amity tilikambo i
Sekema, le nilitse tao amity fiaro mafe ty tragno i El-berita iereo. [47]Nambara tamy Abimeleka fa niarake nivory
tao amity tilikambo Sekema ty mpitarike iaby.[48]Nindeha niakatre tagne ambohitse Zalmona i Abimeleka, re vaho
reo lahilahy iaby niarake tamine. Nangalake famaky ty Abimeleka naho nanampake tsilan-ketae. Napetrane teo
antsorone zay naho nibaiko reo lahilahy niarake tamine re hoe:" Ze hisanareo ataoko, malaky ka manova
manahake ty nataoko." [49]Ka le nanampake tsilan-ketae ty ndaty iaby naho nagnorike i Abimeleka. Navory iereo
teo amity rindry ty tilikambo zay, naho noroa iereo, kaiko mate avao kea ty ndaty iaby tao amity tilikambo i
Sekema, le lahilahy vaho ampela eo amity arivo zane.[50]Le nimbaeo Tebeza ty Abimeleka, naho nitobe tandrife
Tebeza re ka nambabo zay. [51]Feie nisy tilikambo mafe tao amity tana, naho lasa nilay nimbaeo amizay eo reo
lahilahy vaho ampela naho reo mpitarike ty tana iaby ka nihily tao. Bakeo le niakatre tegne antafo ty tilikambo
iereo.[52]Nimbaeo amity tilikambo Abimeleka ha nialy tamizay, naho niakatre niharine ty varavara ty tilikambo re
mba hagnoro aze. [53]Feie nisy ampela nampipoke vato fikoseam-bare teo amity loha i Abimeleka ka nahavaky ty
karan-dohane. [54]Bakeo le nikaike malaky ty ajalahy ze mpinday ty fialiane re, naho nirehake tamine hoe:" Akaro
ty mesonao le vono raho, mba tsy hisy hanao ty amiko hoe:' Ampela ro namono aze."' Ka tinombo ty ajalahy re,
naho mate.[55]Laha fa hisa reo ndaty Israely fa mate Abimeleka, le noly iereo. [56]Ka le namale fate ty haratia
Abimeleka ze nataone tamin-draene tamity namonoane reo rahalahine fitompolo Zagnahare. [57]Naheren'
Agnahare teo amity loha iereo avao ty haratia reo ndaty Sekema naho nahire iereo ty ozo i Jotama ana i Jerobala.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Tafara Abimeleka, Tola ana i Poa ana i Dodo, lahilahy bakagne Isakara ty nitoboke tagne Samira, tagne amity
tane tazoa Efraima, nitsanga mba hagnafake Israely [2]Nitsara ty Irsaely zisike ty telo amby roapolo tao re. Mate re
naho naleve tagne Samira.[3]Nilimbease Jaira iaze Gileadita re. Nitsara ty Irsaely zisike ty roe amby roapolo tao re.
[4]Nanagnanake telopolo lahy ty nitikitre borike telopolo re, naho nana tana telopolo iereo, ty atao ty hoe Havota-
jaira zisike androany, tagne amity tane i Gileada iereo. [5]Mate ty Jaira naho naleve tagne Kamona.[6]Nagnampe ty
raty ze natao iereo teo amaso Yaveh ty vahoake Israely naho nanompo reo Bala, reo Astarta, reo zagnahare i
Arama, reo zagnahare i Sidona, reo zagnahare i Moaba, reo zagnahare ty vahoake Amona, naho reo zagnahare
Filistina. Niala Yaveh iereo naho tsy nagnampo aze sase. [7]Nirehetre tamy Israely ty helo Yaveh, naho naviline teo
antagna reo Filistina vaho teo antagna reo Amonita iereo.[8]Namoteke vaho nampijale ty vahoake Israely iereo
tamize tao zay, naho nampijale iereo zisike ty valo amby folo tao ty vahoake Israely iaby ze tagne andafe Jordana
tagne amity tane reo Amorita, te agne Gileada. [9]Naho le nitsake Jordana mba hialy tamy Joda, tamy Benjamina,
naho tamity foko Efraima reo Amorita, mba hampijale mafe Israely.[10]Le nikaike mafe Yaveh ty vahoake Israely,
nanao hoe:" Le fa nanonta taminao zahay, satria nienga ty Zagnaharenay zahay naho nanompo reo Bala." [11]Hoe ty
Yaveh tamity vahoake Israely:" Tsy nagnafake anareo tamireo Egyptiana, Amorita, Amonita, Filistina, [12]naho kea
tamireo Sidoniana vao raho? Nampijale anareo reo Amalekita vaho reo Maonita; le nikaike mafe Ahy nareo,
naho nafahako tamity here iereo nareo.[13]Le mboe niala Ahy ndraike nareo naho nanompo reo zagnahare hafa.
Laha zao, tsy hagnampe ty andro hagnafahako anareo raho. [14]Mindehana naho kaiho mafe reo zagnahare ze
nitompoe nareo. Engao iereo hagnavotre anareo laha fa misy hasahira nareo."[15]Hoe reo vahoake Israely tamy
Yaveh:" Nanonta zahay. Anovo aminay na ino ino mete ho soa Aminao. Fa kea, mba avoto rie zahay amity andro
toy." [16]Le nagnafake reo zagnahare tsy ie teo amine iereo naho nanompo Yaveh. Naho tsy zaka Yaveh sase ty
fijalea Israely.[17]Le niarake nivory reo Amonita naho nananga tobe tao Gileada. Le niarake avy reo Irsaelita naho
nananga ty tobene tagne Mizpa. [18]Reo mpitarike ty vahoake Gileada nifampirehake hoe:" Ia ty lahilahy ze
hanomboke hialy amireo Amonita? Ho lasa mpitarike reo iaby ze nitoboke tagne Gileada re."

Chapter 11

[1]Naho Jefta Gileadita le mpialy mahere, feie anaka-pivaro-bata re. Gileada ro raene. [2]Niterake reo anadahine hafa
kea ty valy Gileada. Laha fa bey ty ana ty valine, le sinere iereo hienga ty tragno ty Jefta vaho nanao tamine hoe:"
Tsy handova na ino ino bakamity fokonay riha. Ana ty ampela hafa riha." [3]Laha zao le hiala reo rahalahine Jefta
naho nitoboke tagne amity tane Toba. Nisy lahilahy tsy mpagnori-dalana namonje aze ka lasa iereo naho nindeha
niarake tamine.[4]Andro kele tafara atoy, le nialy tamy Israely ty vahoake i Amona. [5]Laha fa nialy tamy Israely ty
vahoake i Amona, le niavy ninday i Jefta bakagne amity tana Toba hihere reo olobey i Gileada. [6]Hoe iereo tamy
Jefta hoe:" Avia naho metea ho mpitarike anay mba hahafahanay mialy amity vahoake Amona.[7]Hoe Jefta tamireo
mpitarike i Gileada hoe:" Nalay ahy nareo naho nisere ahy hiala ty tragnon-draeko. [8]Nagnino nareo amizao ro
mbamiko mbetoa laha fa misy hasahira?" Hoe reo olobey Gileada tamy Jefta hoe:" Zay ty antone hitolihanay
aminao amizao; andao hiarake aminay naho hialy amity vahoake Amona, ka ho lasa mpitarike amy iabe ze
mitoboke ao Gileada riha."[9]Hoe Jefta tamireo olobey Gileada hoe:" Laha entenao moly mba hialy amity vahoake
Amona ndraike raho, naho laha amea Yaveh faharesea tika, le ho mpitarike anareo raho." [10]Le heo reo olobey
Gileada tamy Jefta hoe:" Yaveh anie ho vavolombelo eo amintika vaho riha laha tsy manao arake ze rehafentika
tika!" [11]Laha zao le lasa niarake tamireo olobey Gileada ty Jefta, naho natao ty vahoake ho mpitarike vaho
mpibaiko iereo re. Laha fa teo agnoloa Yaveh tagne Mizpa re, le nagnere reo fampagnategna iaby nataone ty
Jefta.[12]Bakeo Jefta nagnirake mpinday hafatre ho ahy ty mpanjaka ty vahoake Amona, manao hoe:" Ino ty aly etoa
amintika toy? Nagnino riha ro niavy tamin-kere hangalake ty tanenay?" [13]Le namale ty mpinday hafatre Jefta ty
mpanjaka ty vahoake ty Amona hoe:" Satria tamity vahoake Israely niakatre bakagne Egypta, le nalae iereo ty
taneko zisikagne Arnona naho hatragne Jaboka, naho zisikagne Jordana. Amizao aheregno ampilamina reo tane
reo."[14]Le nandefa mpinday hafatre ho agne amity mpanjaka ty vahoake Arnona ndraike ty Jefta, [15]naho ty hoe re:"
Zao ro ambara Jefta: Tsy nalae Israely ty tane Moaba vaho ty tane ty vahoake Amona, [16]fa niakatre bakagne
Egypta iereo, naho Israely nindeha namakivaky ty efetre nimbaeo amity riake Mena vaho tagne Kadesa.[17]Laha fa
nandefa mpinday talily hoagne amity mpanjaka Edoma ty Israely, nanao hoe:' Mangatake rie mba engao zahay
handrio eo amity tanenareo,' le tsy nidranjy ty mpanjaka i Edoma. Nandefa mpniday talily tagne amity mpanjaka
i Moaba avao kea iereo, fa nilietse re. Laha zao le nijano tao Kadesa ty Israely. [18]Le nindeha tagne angnefetre iereo
naho nivily ty tane i Edoma vaho ty tane Moaba, ka nindeha nagnorike ty sisine antignana ty tane Moaba naho
nitobe tao amity ilane andafe Arnona. Fa tsy nindeha nimbaeo amity faritane Moaba iereo, satria sisin-tane
Moaba ty Arnona.[19]Naho Irsaely nandefa mpinday talily tagne amy Sihona, mpanjaka reo Amorita, ty nanjaka
tagne Hesbona; hoe Israely tamine hoe:' Mangatake, engao zahay mba hitsake ty tanenao mbaeo amity toera ze
anay.' [20]Feie tsy natoky Israely hitsake ty faritanene ty Sihona. Laha zao le navory Sihona ty tafine iaby naho
nafindrane tagne Jahaza, naho tagne re ro nialy tamy Israely.[21]Naho Yaveh, ty Zagnahare Israely, nanolotre i
Sihona vaho ty vahoakene iaby teo antagna Israely ka resene iereo. Laha zao le nalae Israely ty tane reo Amorita
iaby ze nitoboke tao amize firene zay. [22]Nalae iereo iaby ty zaka iaby tao amity faritane reo Amorita, zisikagne
Arnona ka hatragne Jaboka, naho zisikagne agnefetre ka hatragne Jordana.[23]Naho tafara zay ty Yaveh, ty
Zagnahare Israely, le nandroake reo Amorita teo agnoloa Israely vahoakene, ka tokone hangalake ho fanagna ty
tane iereo vao riha amizao? [24]Feie tsy hangalake ty tane ze nomea Kemosy, zagnaharenao ho anao vao riha? Laha
zao na ino ino tane amea Yaveh Zagnaharentika antika, le halaentika. [25]Ka soa tane i Balaka anadahy Zipora,
mpanjaka i Moaba vao riha? Nahasahy hialy-hevetre tamy Israely vao re? Nahasahy namorogn'aly tamiereo vao
re?[26]Laha fa nitoboke zisike ty telonjato tao tagne Hesbona vaho reo ana-bohine ty Israely, naho tagne Aroera
vaho reo ana-bohine, vaho tagne amireo tana iaby6 ze egne amoro Arnona__Ka nagnino nareo ro tsy ninday
iereo nihere tamize andro zay? [27]Tsy nanao raty anareo raho, fa nareo kea manao raty amity fanafiha ahike.
Yaveh, ty mpitsara, ro hanam-pakevetre androany ty amity vahoake Israely vaho ty vahoake Amona." [28]Nefa tsy
niraharaha ty famera ze nalefa i Jefta tagne amine ty mpanjaka ty vahoake Amona.[29]Bakeo niavy tao amy Jefta ty
fagnahy Yaveh, ka nandrio i Gileada vaho Manase re, le nandrio i Mizpa agne Gileada, naho bakao Mizpa agne
Gileada re le nandrio ty vahoake i Amona. [30]Nanao vava tamy Yaveh ty Jefta naho nanao hoe:" Laha ameanao
faharesea eo amity vahoake i Amona raho, [31]le na ino ino miakatre ty varavara ty tragnoko mba hanalaka ahy
laha fa mihere ampilamina bakagne amity vahoake Amona raho, le ho ahy Yaveh, naho hatoloko ho fagnatetre
oroa zay."[32]Naho le nandrio teo amity vahoake Amona ty Jefta mba hialy handietse iereo, naho namea Yaveh aze
ty faharesea. [33]Nanafike iereo re naho nahavy vonoam-bey tao Aerora ka zisikagne Minita__tana roapolo __ka
zisikagne Abela-keramina. Ka na le tao ambane fifehea ty vahoake Israely ty vahoake i Amona.[34]Niavy tao
antragnone tagne Mizpa ty Jefta, naho niakatre bakao ty anak'ampelane mba hanalaka aze amity langoro vaho
dihy. Re raike ro mba anane, naho tsy mba mana anadahy na ampela hafa sase. [35]Vatane vaho hisane re, le


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nirovitene ty akanjone naho hoe re hoe:" Feie! Ry anak'ampelako! Tinorotoronao tamity heloke raho, naho riha ty lasa mpampijale ahy! Satria nanao fifanta tamy Yaveh raho, le tsy afake mihere amity fampagnantegnako."[36]Hoe re tamine hoe:" Ry raeko, nanao vava tamy Yaveh riha, anovo amiko ty zaka iabey nampagnategna nao, satria le fa namale fate reo fahavalonao, le reo Amorita ty Yaveh." [37]Hoe re tamin-draene hoe:" Ao hotana hoahy ze fampagnategna zay. Engao ho arere zisike ty roe vola raho, mba hahafahako miala ka mindeha mizotro mbaeo amireo tazoa naho hitagny ty maha-verijine ahy, zaho vaho ty fiferegnaiko."[38]Hoe re hoe: " Mindehana." Nalefane zisike ty roe vola re. Le nienga aze rajampela, re vaho ty fiferenaine, ka nitagny ty maha-verijine aze tagne amity tazoa. [39]Laha fa vita ty roe vola le nihere tagne amity raene re, ty nanao tamine arake ty vava fampagnategna ze nataone. Naho tsy mboe niarake-niroro tamin-dahilahy re, ka lasa fomba fanao isan-tao tao Israely [40]fa hagnere hitalily ze tantara ty anak'ampela i Jefta Gileadita zay, zisike ty efatre andro, reo anak'ampela i Israely.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 12

[1]Nisy kaike avy ho ahy reo lahilahy Efraima; namakivaky i Zafona iereo naho nirehake tamy Jefta hoe:" Nagnino
riha ro nindeha hialy amity vahoake Amona naho tsy mikaike anay hiarake aminao? Horoanay riha vaho ty
tragnonao." [2]Hoe ty jefta tamiereo hoe:" Izaho vaho ty vahoakeko le nana fifandieram-bey tamireo vahoake
Amona. Tamity nikaike anao raho, le tsy namonje ahy teo amiereo riha.[3]Laha fa hisako fa tsy namonje ahy riha,
le napetrako tamity hereko iaby ty fiagnako naho namakivaky ty vahoake Amona raho, ka namea Yaveh ahy ty
faharesea. Nagnino riha ro avy hialy amiko amizao? [4]Navory Jefta niarake ty lahilahy iaby tao Gileada ka nialy
tamy Efraima re. Nanafike reo lahilahy Efraima reo lahilahy Gileada satria hoe iereo hoe:" Inareo Gileadita le
mpilay agne Efraima__ao Efraima vaho Manase."[5]Tsinepa reo Giledita reo fita Jordana mbaeo Efraima. Laha misy
amireo sisa velo manao ty hoe:" Engao raho hitsake ty renerano," le hirehake iereo lahilahy Gileada hoe:
Efraimita vao riha?" laha mirehake re hoe:" Aha" [6]le hirehake amine iereo hoe:" Tognono ty hoe: Shiboleta," naho
laha mirehake re hoe:" Shiboleta" (satria tsy nahay nanogno ty rehake mazava re ), le hotsepahe reo Gileadita re
naho hovonoe eo amity fita Jordana. Roe arivo vaho efatre ale reo Efraimita vinono tamize andro zay.[7]Niasa
manahake ty mpitsara nagnera Israely zisike ty enen-tao ty Jefta. Bakeo le mate ty Jefta Gileadita naho naleve tao
amity raike amireo tana i Gileada.[8]Tafarane, le Ibzana bakao Betlehema ro niasa ho mpitsara Israely. [9]Nana
anadahy telo-polo re. Nahafoe anak'ampela vave telo-polo hampiakare re, naho ninday reo anak'ampela telo-polo
ahy ty lahilahy hafa bakagne ambalike ho ahy anadahine re. Nitsara Israely zisike ty fito tao re.[10]Mate Ibzana
naho naleve tao Betlehema. [11]Tafarane le i Elona Zebolonita ro niasa manahake ty mpitsara Israely. Nitsara
Israely zisike ty folo tao re. [12]Mate ty Elona Zebolonita naho naleve tao Aialona tagne amity tane i Zebolona.
[13]Nagnorike aze, le i Abdona anadahy Elela Piratonita ro niasa manahake ty mpitsara Israely. [14]Nana anadahy
efapolo re naho zafe lahy telopolo. Nitikitse ampondra fitompolo iereo. Naho nitsara Israely zisike ty valo tao re.
[15]Mate ty Abdona anadahy Elela Piratonita naho naleve tao Piratona tagne amity tane i Efraima tane tazoa ty
firene reo Amalekita.

Chapter 13

[1]Nanao ze raty teo amaso Yaveh ndraike ty vahoake Israely, ka natolone teo antagna reo Filistina zisike ty efapolo
tao iereo. [2]Nisy lahilahy raike bakagne Zora, bakamity foko reo Danita, Manoa ro agnarane. Tsy afake nibevoka ty
valineka le tsy niterake re.[3]Niboake tamin-drampela ty anjele Yaveh ka nanao tamine hoe:" Ingo amizao, tsy afake
nibevoka riha, naho tsy niterake, nefa hobevoka riha naho hiterake ajalahy. [4]Naho miambena mba tsy hino divay
na zaka-finome mahere, naho ko mihina zaka maloto. [5]Ingo, hobevoka riha naho hiterake ajalahy. Tsy hisy
fiharatre asae amity lohane, satria Nazirita ho an'Agnahare zisikagne antroke ty kolo, naho re ro hanomboke
hagnafake ty Israely eo antagna reo Filistina."[6]Naho niavy rampela ka nirehake tamity valine hoe:" Nisy
lahilahin'Agnahare niavy tamiko, naho manahake ty anjelin'Agnahare ty fihisaha aze, tena mampatahotre. Tsy
nangnontane aze ty niaviane raho, naho tsy nirehake tamiko ty agnarane re. [7]Le hoe re tamiko hoe:" Ingo!
Hobevoka, naho hiterake ajalahy riha. Ka laha zao le ko mino divay na zaka-finome mahere, naho ko mihina
sakafo ze ambara ty lalana fa maloto, satria ty kolo le ho Nazarita ho an'Agnahare manomboke amity andro
maha ao antroke aze ka zisikamity andro hifatezane."[8]Le nivavake tamy Yaveh7 ty Manoa ka nanao hoe:" Tompo
o, mba engao ty lahilahin'Agnahare nirahenao hihere aminay ndraike mba hagnanarane anay ze tokone
hataonay amity kolo aze hoterake tsy ho ela." [9]Namale ty vavake Manoa Yaveh, ka niavy tamin-drampela ndraike
ty anjelen'Agnahare laha nitoboke tagne ambaibo re. Nefa tsy niarake tamine ty Manoa valine.[10]Ka nilay mafe
rampela naho nirehake ty valine hoe:" Ingo! Niboake tamiko ty anjele_lahy ty niavy tamiko indraike igne!" [11]Le
nitsanga ty Manoa ka nagnorike valine. Laha fa niavy teo amity lahilahy re, le hoe re ty hoe:" Iriha vao ty lahilahy
nirehake tamity valiko?" Le hoe ralahilahy hoe:" Izaho ro ie."[12]Ka le hoeManoa ty hoe:" Amizao ho lefe anie reo
rehanao. Ino ro ho fotsipike amity kolo, naho ino ro ho asane?" [13]Hoe ty anjely Yaveh tamy Manoa ty hoe:" Tsy
maintsy hanao ampiambena ty zaka-iaby ze nirehafeko tamine re. [14]Tsy afake mihina na ino ino ze bakamity
voaloboke re, naho ko enga mino divay na zaka-finome mahere; ko enga mihina sakafo ze namabara ty lalana fa
maloto re. Tokone hagnenke ty zaka iaby nandiliako aze hataone re."[15]Hoe ty Manoa tamity anjele Yaveh hoe:"
Mba mijanogna kele rie, mba hagnomea fotoa anay hikarakara ana'ose hoanao." [16]Hoe ty anjele Yaveh tamy
Manoa hoe:" Na le hijano aza raho, le tsy hihina ty sakafonao kea. Fa laha magnoma fagnatetre oroa riha, le
atoloro ho ahy Yaveh zay."(Tsy hay Manoa fa anjele Yaveh re.)[17]Le hoe ty Manoa tamity anjele Yaveh hoe:" Ia ro
agnaranao, mba hahafahanay magnomea hasy anao laha fa lefe reo rehanao?" [18]Le heo ty anjele Yaveh tamine
hoe:" Nagnino ro magnontane ty agnarako riha? Soasoa zay!"[19]Naho nalae Manoa niarake tamity fagnatetre
hohane ty anak'ose ka natolone teo ambone vatolampy ho ahy Yaveh reo. Nanao zaka-mahagaga re laha igne
nanente igne ty Manoa vaho ty valine. [20]Laha fa niakatre bakeo amity alitara nimbaeo andagnitse ty lelan'afo, le
niakatre tao agnate ty lelan'afo ty alitara ty anjele Yaveh. Nahisake zay Manoa vaho ty valine naho nampihohoke
ty tarehe iereo tamity tane.[21]Tsy niseho tamy Manoa vaho ty valine sase ty anjele Yaveh. Naho hay Manoa fa
anjele Yaveh re. [22]Hoe ty Manoa tamity valine hoe:" Ho mate vatane tika, satria niseho tamintika
Zagnahare!"[23]Nefa hoe ty valine tamine:" Laha te hamono antika Zagnahare, le tsy nandrae ty fagnatetre oroa
vaho ty fagnatetre hohane nomeantika aze re. Tsy tokone nanoro antika rey zaka iaby rey re, na nagnenga antika
haharey zaka hoe zay amize andro zao."[24]Tafara atoy le niterake ajalahy rampela, naho nataone hoe Samsona ty
agnarane. Nihabey ty kolo naho nitahy aze Yaveh. [25]Nanomboke nagnetseke aze tagne Mahana-dana ty
fagnahin'Agnahare, teo agnoloa i Zora vaho Estaola.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 14

[1]Nizotro tagne Timna ty Samsona, naho nahisake ampela raike tane re, ty raike amireo anak'ampela reo Filistina.
[2]Laha fa nihere re, le nirehake tamity raene vaho ty renene hoe:" Nahisake ampela raike tao Timna raho, raike
amireo anak'ampela reo Filistina. Naho alao mba ho valiko re."[3]Hoe ty rae vaho ty renene tamine hoe:" Feie vao
tsy misy ampela amireo anak'ampela ty longonao, na amireo vahoakenao iaby? Hanagalake valy bakamireo
Filistina tsy misavatse vao riha?" Hoe ty Samsona tamity raene hoe:" Alao hoahy re, fa laha fa nanente aze raho,
le teako re." [4]Fa ty raene vaho ty renene le tsy nahay fa bakamy Yaveh ze zaka zay, satria nagniry ty hananga aly
amireo Filistina re(satria tamize andro zay le reo Filistina ro nanjaka tao Israely).[5]Naho nizotro tagne Timna
niarake tamity raene vaho ty renene ty Samsona, naho nimbaeo amity tanem-boaloboke Timna iereo. Naho, ingo,
nisy liona kele raike namonje naho nitsero tamine. [6]Niavy tampoke tamine ty fagnahy Yaveh, naho le naterane
mora manahake ty miterake anak'ose ty liona, naho tsy nisy na ino ino tegne antagnane. Nefa tsy nirehafene
tamity ranene na ty renene ze nataone.[7]Nindeha re naho nirehake tamity ampela, naho laha fa nanente aze re, le
nitea i Samsona re. [8]Andro kele tafara atoy laha fa nihere hangalake valy aze re, le nivio lala re mba hanente ty
fate ty liona. Naho, ingo, nisy tantele teo amity sisa tavela tamity vata ty liona. [9]Navorine tegne antagnane ty
tantele le nindeha re, vaho nindeha re ro nihina. Laha fa niavy tagne amity raene vaho ty renene re, le nameane
ty agnilane iereo, naho nihina. Nefa tsy nirehafene iereo fa nalaene tegne amity sisa tavela tamity vata ty liona ty
tantele.[10]Nizotro tagne amize nisy ty ampela ty rae i Samsona, naho nanao fikaiha tagne ty Samsona, satria zay ty
fomba ty ajalahy. [11]Laha vaho hisa ty longo ty ampela re, le nindaisa iereo telopolo tamireo namane mba hiarake
amine.[12]Hoe ty Samsona tamiereo hoe:" Engao raho androany hirehake ankamatatre aminareo. Laha misy raike
aminareo mahisake zay naho mirehake amiko ty valene zisike ty fito andro fikaiha, le hameako rongone foty
malineke telopolo vaho akanjo hisoloa telopolo. 13Fa laha tsy mirehake amiko ty valene nareo, le hameanareo
rongone foty malineke vaho akanjo hisoloa telopolo isake raho." Hoe iereo tamine hoe:" Ambarao anay ty
ankamantanao, mba hahafahanay maharey aze."[14]Hoe re tamiereo hoe:" Bakao amity mpihina ro misy zaka
hane; bakao amity matanjake ro misy zaka maleme." Feie tsy nahisake ty valene tao agnate ty telo andro reo
vahiny ilane.[15]Tamity andro fahaefatre le hoe iereo tamity valy Samsona hoe:" Fitaho ty valinao mba hirehafa
aminay ty vale ty ankamantatre, laha tsy zay le horoanay riha vaho ty tragnon-draenao. Hinafa nareo tatoy mba
hampahantrae vao zahay?"[16]Nanomboke nitagny teo agnoloa ty valy Samsona; hoe re ty hoe:" Hejenao raho! tsy
tea ahy riha! Nanao ankamantatre tamity ialane tamireo vahoakeko riha, fa tsy nirehake tamiko ty valene." Hoe
Samsona tamine hoe:" Henteo raho, laha tsy nirehake tamity raeko na ty reneko raho, le tokone hirehake aminao
vao?" [17]Nitagny zisike ty fito andro nahareta ty fagnafara re. Tamity andro fahafito le nirehafene tamine ty valene
satria nisere mafe aze re. Le nirehafene tamity longo ty vahoake ty valine.[18]Nialoha ty nitsofora ty andro tamity
andro fahafito le reo lahilahy teo antana tamine hoe:" Ino ro mamy mihoatre ty tantele? Ino ro mafe mihoatre ty
liona?" Hoe ty Samsona tamiereo hoe:" Laha tsy niraike-kevetre tamity valiko nareo, le tsy nahisake ty vale ty
ankamantako."[19]Naho niavy tampoke tamin-kere tao amy Samsona ty fagnahy Yaveh. Nizotro tao Askelona ty
Samsona naho namono telopolo tamity lahilahy iereo. Nalaene ty zaka binabo iereo, naho nomeane reo ze
nagnazava ty ankamantatre ty akanjo iereo. Tamin-keloke mafe, le niakatre tagne amity tragno ty raene re.
[20]Natolotre ty namane marine aze vatane ty valy Samsona.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 15

[1]Andro maromaro tafara atoy, zisike ty androm-pihazam-bare, le nangalake anak'ose ty Samsona naho nindeha
namangy ty valine. Hoe re tamity vatane hoe:" Hindeha ho agne amity efetragnom-baliko raho." Nefa tsy namale
aze nilitre ty raene. [2]Hoe ty raene hoe:" Tena nidineke raho fa nalay aze riha, ka nomeako ty namanao re. Soa
naho re ty zaine ampela, sa tsy zay? Alao ho solone re."[3]Namale iereo ty Samsona hoe:" Amize andro zay le tsy
hanan-tsiny eo amaso reo Filistina raho laha manao ze mampalahelo iereo." [4]Le nindeha ty Samsona ka nitsepake
amboahaolo telonjato naho namehe iereo kiroeroe, isan-tsolone. Bakeo le nangalake fanilo re ka namehe reo teo
agnivo ty solo roe.[5]Laha fa nandrehetre ty fanilo re, le nagnenga reo amboahaolo hindeha egne amity vare mitiry
reo Filistina, le sambe noroa iereo ty vare nivory vaho ty vare nitiry tegne ambaibo, niarake tamireo tanem-
boaloboke vaho reo tanen'Oliva. [6]Nagnontane reo Filistina hoe:" Ia ro nanao zao?" Rinehake tamiereo hoe:"
Samsona, ty vinanto lahy ty Timnita, ro nanao zao satria nangalake ty valy Samsona ty Timinita naho nagnomea
aze ho ahy ty namane." Le nindeha reo Filistina naho nagnoro aze vaho ty raene.[7]Naho Samsona nanao tamy
iereo hoe:" Laha zao ro ataonareo, le hamale fate anareo raho, naho laha fa vita zay, vaho hijano raho." [8]Naho
tinampatampane tamity famonoam-bey, ty valahane vaho fe iereo. Naho nizotro re ka nitoboke tao agnate lava-
bato tao amity lavake i Etama.[9]Naho niakatre reo Filistina ka nivogno ho amity aly tagne Joda naho nananga ty
tafike iereo tagne Lehy. [10]Reo lahilahy Joda nirehake hoe:" Nagnino nareo ro niakatre hanafike anay?" Hoe iereo
hoe:" Manafike zahay mba hahafahanay mitsepake i Samsona, naho hanao amine manahake ze nataone
taminay."[11]Naho nisy ndaty Joda telo arivo nizotro tao amity lava-bato ty lavake Etama, naho nirehake tamy
Samsona iereo hoe:" Feie vao riha tsy mahay fa reo Filistina ro mpandily eo amintika? Ino ze nataonao taminay
zao?" Namale iereo ty Samsona hoe:" Ze natao iereo tamiko, le hoe zay avao kea ro nataoko tamiereo."[12]Hoe iereo
tamy Samsona:" Nizotro zahay mba hamehe anao vaho hanolotre anao eo antagna reo Filistina. Naho Samsona
nirehake tamiereo hoe:" Mifanta amiko fa tsy nareo ro hamono ahy." [13]Hoe iereo tamine hoe:" Aha, hamehe anao
amity taly avao zahay naho hanolotre anao eo amiereo. Mampagnategna zahay fa tsy hamono anao." Le namehe
aze tamity taly roe vaovao iereo naho ninday aze niakatre bakao amity vato.[14]Laha fa niavy tagne Lehy re, le
nikorakorake reo Filistina laha vaho nifanoje tamine. Niavy tamine tamin-kere ty fagnahy Yaveh. Reo taly teo
amity sandrine le manahake ty lamba rongone may, ka nipoke bakegne amity tagnane.[15]Nahisake
valanoranon'ampondra vaovao ty Samsona, ka nangalake zay naho namono arivo lahy tamizay. [16]Naho Samsona
nirehake hoe:" Tamity valanoranon'ampondra ro namonoako arivo lahy, isan-tokone aby."[17]Laha fa tampetre ty
reha Samsona, le natorane ty valanorano, naho nataone hoe Ramata Lehy ty toera. [18]Narandrano mafe ty
Samsona ka nikaike Yaveh naho nirehake hoe:" Nagnomea ty faharesea bey toy tamity mpanomponao riha.
Kanefa amizao kea feie vao ho mate ty aran-drano raho ka ho lavo eo antagna reo tsy vita savatse?"[19]Nanarake ty
toera babangoa ty tane Lehy ka nisy rano niakatre. Laha fa nino re, le nihere ty ozane nao velombelo ndraike re.
Ka nataone hoe En-Hakore ty toera, naho zay le agne Lehy zisikezao. [20]Nitsara ty Israely zisike ty roapolo tao ty
Samsona tamity andro reo Filistina.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 16

[1]Nindeha tagne Gaza ty Samsona naho nahisake mpivaro-bata tagne, ka niarake niroro tamine re. [2]Le nirehafene
reo Gazita hoe:" Niavy teto ty Samsona." Linily reo Gazita ty toera, niambe aze teo amity vavahady ty tana zisike
ty hale iaby iereo. Nita ty filamina zisike ty hale iaby. Nirehake re hoe:" Engao zahay hiambe zisike marandray,
naho bakeo engao zahay hamono aze."[3]Nijano teo ampiroroa ty Samsona zisike sasa-kale. Tamity sasak'ale le
nifoha re naho nonjonene ty vavahady vaho ty tolane roe. Nombotane niala tamity tane reo, ty fihiline vaho iaby,
natobone teo antsorone zay, naho nientene niakatre tagne ambone ty tazoa reo, teo agnoloa Hebrona.[4]Tafarazay,
le nitea ampela raike ze nitoboke tagne ambaibo Soreka ty Samsona. Delila ro agnarane. [5]Niavy teo amine reo
mpandily reo Filistina, naho nirehake tamine hoe:" Fitaho Samsona mba hahisaha ty fatanjane bey, vaho ty
fomba handreseanay aze, mba hahafahanay mifehe aze hagnafaha baraka aze. Anovo zay, le ameanay
kiraikiraike aby 1.100 sekele volafoty riha."[6]Naho hoe ty Delila tamy Samsona hoe:" Mangatake rie, ambarao ahy
ty mahavy anao vatane mafe, naho ino ro hahafaha ty ndaty mamehe anao, ka ho voafehe riha? [7]Hoe ty Samsona
tamine:" Laha fehe iereo amity taly vaovao fito ze tsy mboe namainie raho, le lasa magnisy raho naho hanahake
ty lahilahy hafa iaby."[8]Naho ninday taly vaovao fito ze tsy mboe namainie ho ahy Delila reo mpandily reo
Filistina, naho finehene tamireo Samsona. [9]Naho nana lahilahy mihaja mitsy, ty niambe tao amity efetragno
agnatene re. Hoe re tamine hoe:" Eo aminao reo Filistina, ry Samsona!" Nefa tinampane manahake ty tali-kofehe
mikasike afo reo taly. Ka tsy hay ze tsiko ty hamafene.[10]Naho hoe Delila tamy Samsona hoe:" Zao ty fomba
namitahanao ahy vaho nirehafanao vande amiko. Mangatake rie, ambarao ahy hoe ino ro hahafaha mandrese
anao." [11]Hoe re tamine hoe:" Laha fehe iereo amity taly vaovao ze mboe tsy niasa ho amity asa raho, le haleme
raho naho hanahake ty lahilahy hafa iaby." [12]Le nangalake taly vaovao ty Delila naho namehe aze tamireo, vaho
nirehake tamine hoe:" Eo aminao reo Filistina, ry Samsona!" Ty lahilahy niambe le tao antragnone agnatene.
Nefa tinampa Samsona manahake ty pote-kofehe reo taly teo amity sandrine.[13]Hoe ty Delila tamy Samsona hoe:"
Zisike amizao riha le mboe namitake ahy naho nirehake vande tamiko. Ambarao ahy hoe nagnino ro mete
haharesea anao." Fa hoe ty Samsona tamine hoe:" Laha zairenao ao amity lamba eo amity fanjaitse ty vo ty
voloko misake fito, naho bakeo le fantsiho eo amity fanjaitse zay, le hanahake ty lahilahy hafa iaby raho." [14]Laha
niroro re, le zinara Delila tamity fanjaitse ty foto-bolo fito tamity volone naho namantsike zay teo amity fanjaitse
re, le hoe re tamine:" Eo aminao reo Filistina, ry Samsona!" Nifoha tamity rorone re naho nombotane teo amity
fanjaitse ty lamba vaho ty tsatoke.[15]Hoe re tamine hoe:" Ino ro hahafahanao mirehake ty hoe:' Teako riha,' laha
tsy hizara reo tsikonao amiko riha? Namitake ahy intelo riha naho tsy nirehake tamiko ty nahazoanao ze hamafe
bey zao." [16]Isan'andro le nisere aze mafe tamireo rehan-drampela, naho nisere aze mafe ty mba hagniriane ho
mate.[17]Le nirehafe Samsona tamine ty zaka iaby naho hoe re tamine hoe:" Mboe tsy tinampake tamity hareza
vatane ty volon-dohako, satria raho le Nazirita ho an'agnahare zisikagne antron-dreneko. Ka laha harata ty
lohako, le hiala amiko ty hereko, naho haleme raho ka hanahake ty lahilahy hafa iaby."[18]Laha fa hisa Delila fa
nirehake ty mare momba ty zaka iaby tamine re, le nandefa vaho nikaike reo mpandily reo Filistina re, nanao
hoe:" Miakara ndraike, fa le fa nirehafene tamiko ty zaka iaby." Le nimbaeo amine reo mpandily reo Filistina,
ninday ty volafoty tegne antagna iereo. [19]Nataone azon-droro teo amity fene re. Nikaike lahilahy raike mba
hagnaratre reo vo fito teo amity lohane re, naho nanomboke nandrese aze re, satria niala tamine ty herene.
[20]Naho hoe re ty hoe:" Eo aminao reo Filistina, ry Samsona!" Nifoha tamity rorone re naho nanao ty hoe:"
Hiakatre manahake reo andro hafa raho naho hagnetseke malalake ty vatako." Nefa tsy haine fa le fa niala
tamine Yaveh. [21]Nitsepake aze reo Filistina naho nagnafake reo masone. Ninday aze nizotro tagne Gaza iereo
naho namehe aze tamity sene varahy. Nagnere ty fikosoam-bare tagne am-pigadra re. [22]Fa nihere nitiry ndraike ty
volo teo amity lohane tafara ty nagnarata zay.[23]Niharo nivory reo mpandily reo Filistina mba hanolotre soro bey
ho ahy Dagona zagnahare iereo, naho hifale. Hoe iereo hoe:" nandrese Samsona fahavalontika ty zagnaharentika
naho nametrake aze teo ampelantagnantika re." [24]Laha fa nahisake aze ty vahoake, le antsa ty zagnahare iereo,
satria hoe iereo hoe:" Le fa naharese reo fahavalontika ty zagnaharentika naho nagnomea aze ho antika__ty
mpandrava ty tanantika, ty namono ty maro tamintika."[25]Laha fa nankalaza iereo, le hoe iereo hoe:" Kaiho ty
Samsona, mba hampihehe antika." Nikaike i Samsona hiakatre ty tragno maieke iereo naho nampihehe iereo.
Natao iereo nitsanga teo agnivo reo ambe re. [26]Hoe ty Samsona tamity ajalahy ze nita ty tagnane hoe:" Engao raho
mba hikasike reo ambe ze manohy ty tragno bey, mba hahafahako mipiteke amireo.[27]Naho feno lahilahy vaho
ampela ty tragno. Tao iaby reo mpandily reo Filistina iaby. Teo amity telo arivo teo ho eo ty lahilahy vaho ampela
teo antafon-tragno, ze nanente i Samsona nampihisa iereo.[28]Nikaike Yaveh Samsona, naho nanao hoe:" Tompo
Yaveh, tiarovo raho! Mangatake rie hamafeo raho amity ndraike toy avao, ry Zagnahare, mba hahafahako
mamale ndraike reo Filistina ty amity nagnafahane reo masoko roe" [29]Nitana Samsona reo ambe roe teo agnivone

ty nanoha ty fagnoregnam-bey, naho nianky teo amireo re, ty ambe raike tamity tagnane havana, naho ty raike
tamity tagnane havia.[30]Hoe ty Samsona hoe:" Engao raho ho mate miarake amireo Filistina!" Namototre ty herene
re ka nitonta teo amireo mpandily vaho teo amireo ndaty iaby ze tao agnate zay ty fagnoregnam-bey. Ka ty mate
ze vinonone tamie mate le mihoatre noho reo ze vinonone zisike ty fiaignane. [31]Naho nizotro reo rahalahine vaho
reo fokon-draene iaby. Nangalake aze iereo, ninday aze nihere naho nandeve aze teo ampagnivoa Zora vaho
Estaola tagne amity toeram-pandevegna i Manoa, raene. Nitsara Israely zisike ty roapolo tao ty Samsona.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 17

[1]Nisy lahilahy raike tagne amity tane tazoa Efraima, naho Mika ro agnarane. [2]Hoe re tamity renene:" Ty sekele
volafoty 1.100 ze nalae taminao, mikasike ty ozo rinehanao, ze reiko__ingo io! Mana volafoty raho amiko atoy.
Izaho ro nangalatre zay." Le hoe ty renene:" Ho tahie Yaveh anie riha, ry zanako!"[3]Naherene tagne amity renene
ty Sekele volafoty 1.100 naho hoe ty renene tamine:" Hatokako ho ahy Yaveh ty volafoty toy, fa hagnamboatse
saren-jaka voasokitre vaho saren-jaka anidina ty anadahiko. Ka amizao, le ahereko aminao toy." [4]Laha fa
naherene tamity renene ty vola, le nangalake sekele volafoty roanjato ty renene naho nomeane reo mpanefe vy
ze nanao reo ho saren-jaka voasokitre vaho anidina zay, naho napetrake tao antragno i Mika reo.[5]Ty lahilahy hoe
Mika le nana tragno-tsampe naho nagnamboatre efoda vaho tokatragno reo zagnahare re, naho nagnarama raike
tamireo anadahine re mba ho lasa mpisorone. [6]Naho tamireo andro reo le tsy nisy mpanjaka tagne Israely, naho
nanao ze mare teo amaso ty ndaty iaby.[7]Naho nisy zatovo lahy Betlehema raike tagne Joda, bakamity foko Joda,
zay Levita. Nijano tagne re mba handefe reo adidina. [8]Nila tao Betlehema tao Joda ralehilahy mba hindeha naho
hipay toera hitobohane. Laha fa nindeha re, le niavy tagne antragno Mika tagne amity tane tazoa Efraima. [9]Le
hoe Mika tamine:" Bakaia ty niavianao?" Naho hoe ralahilahy tamine:" Levita i Betlehema tao Joda raho, naho
nindeha raho mba hipay toera ze mete hitobohako."[10]Le hoe ty Mika tamine:" Mijanogna amiko eto, naho ao riha
ho rae vaho ho mpisoro ho ahike. Hameko sekele volafoty folo isan-tao, akanjo fagnisia, naho ty sakafonao riha."
Ka le nilitse tao antragno ty Levita." [11]Le nahafale ty Levita ty hitoboke miarake amin-dralahilahy, naho ho ahy
Mika le lasa manahake ty raike amireo anadahine ty ajalahy.[12]Natoka Mika ho ahy ty adidy masy ty Levita, naho
lasa mpisoro ty ajalahy, naho tao antragno Mika. [13]Naho hoe Mika:" Haiko amizao fa hanao soa ho ahy ty Yaveh,
satria lasa mpisoroko ty Levita toy."

Chapter 18

[1]Tamize andro zay le mboe tsy nisy mpanjaka tao Israely. Nipay faritre hitoboha ty foko reo tarana Dana, satria
tamize andro zay le tsy nahazo lova tamireo foko Israely vatane iereo. [2]Nagnirake lahilahy dime tamireo ndaty
maro bey tao amity foko iereo ty vahoake Dana, lahilahy ze mpialy le fa za-draraha bakamy Zora vaho Estaola,
mba hindeha ndeha antomboke amity tane, naho hagnente zay. Hoe iereo tamiereo hoe:" Mindehana ka henteo
ty tane." Niavy tagne amity tane tazoa Efraima iereo, tagne amity tragno Mika, ka nijano tao iereo ty hale.[3]Laha fa
nagneneke ty tragno Mika iereo, le nahay ty fireha ty ajalahy Levita. Ka nijano iereo naho nagnontane aze hoe:"
Ia ro ninday anao tatoy? Ino ro ataonao atoy amity toera toy? Nagnino riha ro eto? " [4]Hoe re tamiereo hoe:" Zao ro
natao i Mika tamiko: Kinaramane ho lasa mpisoro raho."[5]Hoe iereo tamine hoe:" Mba agnontaneo rie ty
heven'Agnahare, mba hahaianay laha hosoa ty lia ze ombanay." [6]Hoe ty mpisoro tamiereo hoe:" Mindehana
ampiadagna. Hitarike anareo amity lala tokone hombanareo Yaveh."[7]Naho lasa reo lahilahy dime ka niavy tao
Laisy, naho nahisake iereo fa nivelo ampilamina ty vahoake, manahake ty fomba niaigna reo Sidoniana, tsy
voakoronta vaho voaaro. Tsy nisy nambabo na nampijale iereo tamity fomba iaby tao amity tane. Nitoboke
lavitre reo Sidoniana iereo naho tsy nana fahazara taminia ia. [8]Nihere tagne amity fokone agne Zora vaho Estola
iereo. Le nagnontane iereo ty longone hoe:" Ino ro entenareo?"[9]Hoe iereo hoe:" Avia! Andao hanafike iereo! Le fa
hisanay ty tane naho vatane soa zay. Tsy hanao na ino ino vao nareo? Ko maleme hanafike vaho hangalake ty
tane. [10]Laha fa mindeha nareo, le hoavy agne amity vahoake ze midineke fa tsy mana fisalasala iereo, naho
mivelatre ty tane! Nomean' Agnahare anareo zay__le toera raike ze tsy ahisaha tsy hamaroa amy tane eo."[11]Nisy
enenjato lahy bakamity foko i Dana, mitana zaka-fialia, niakatre bakagne Zora vaho Estaola. [12]Niakatre iereo
naho nitobe tao Kiriata-Jearima, ao Joda. Zay ro antone anaova ty ndaty io toera hoe Mahane-dana zisikezao; ao
ahandrefa i Kiriata-Jearima zay.[13]Niala tao nimbaeo amity tane tazoa Efraima iereo naho niavy tao amity tragno
Mika. [14]Le hoe reo lahilahy dime ze nindeha mba miodikondy tagne amity firene Laisy tamireo longone hoe:"
Hainareo vao fa ato amity tragno toa le misy efoda, terafima, saren-jaka voasokitre, naho saren-jaka anidina? Ka
manampaha-hevetre amizao ty amize hataonareo."[15]Ka nivio tao iereo naho niavy tagne amity tragno ty ajalahy
Levita, tao antragno Mika, naho nanalama aze iereo. [16]Naho reo Danita enenjato, nana zaka-fialia, le nitsanga teo
amity filira amity vavahady.[17]Reo Lahilahy dime ze nindeha hisafo ty tane le nimbaeo naho nangalake ty saren-
jaka voasokitre, ty efoda, reo terafima, naho ty saren-jaka anidina, laha nitsanga teo amity filira eo amity
vavahady niarake tamity lahilahy enenjato minday zaka-fialia ty mpisoro. [18]Laha fa nimbaeo amity tragno Mika
reo ka nangalake ty sare anidina, efoda, reo zagnahare ty tokantragno, naho ty saren-jaka voasokitre, le hoe ty
mpisoro tamiereo hoe:" Ino ze ataonareo zao?"[19]Hoe iereo tamine hoe:" Mitsigna! Anovo eo amity vavanao ty
tagnanao naho andao hiarake aminay, naho ho raenay vaho mpisoronay riha. Soa kea ho anao vao ty ho mpisoro
ho ahy ty tragno ty lahilahy raike, sa mpisoro ho ahy ty foko raike vaho foko iaby raike ao Israely?" Fale ty arofo
ty mpisoro. [20]Nalaene ty efoda, reo terafima, vaho ty saren-jaka voasokitre, naho lasa nagnorike ty vahoake re.[21]Le
nitolike iereo naho lasa. Natao iereo teo alohane reo kolo malineke, hoe zay kea reo biby hare vaho ty
fanagnaiereo. [22]Laha fa lavitre soa ty tragno Mika iereo, le niarake-kinaike reo lahilahy ze tao amireo tragno
agnila ty tragno Mika, naho tratre niarake tamireo Danita iereo. [23]Nikaike mafe reo Danita iereo, le nitolike iereo
naho nirehake tamy Mika hoe:" Nagnino nareo ro niarake-kinaike?"[24]Hoe re hoe:" Nangalarenareo reo zagnahare
ze namboareko, nalaenareo ty mpisoroko, naho lasa nareo. Ino sisa ro tavela ho ahike? Ino ro hiafahanareo
magnontane ahike hoe:' Ino ro mahasosotre anao?" [25]Hoe ty vahoake Dana tamine hoe:" Tsy tokone hagnenga
anay haharery iaby ze rehafenao riha, laha tsy zay le hisy ndaty meloke vatane hanafike anao, naho ho vonoe
riha vaho ty fokonao." [26]Naho nanohy ty lalane reo vahoake Dana. Laha fa hisa Mika fa mafe loatre ho aze iereo,
le niotake re naho nihere tagne antragnone.[27]Nalae ty vahoake Dana ze natao Mika, hoe zay ty mpisoro, naho
niavy tao Laisy iereo, tagne amity vahoake ze tsy voaelengele vaho tsy mana fisalasala ka namono iereo tamity
meso iereo naho nagnoro ty tana. [28]Tsy nisy na ia ia nagnavotre iereo satria lala lavitre Sidonia zay, naho tsy nana
fahazara taminia ia iereo. Tagne amity baibo ze agnila Beti-rehoba zay. Nagnere nagnore ty tana reo Danita ka
nitoboke tao. [29]Nomea iereo ty agnara hoe Dana ty tana, agnara Dana razambey iereo, ty raike amireo anadahy
Israely. Fa Laisy ro agnara nahazatre ty tana.[30]Natoka ty vahoake Dana ho ahy iereo ty saren-jaka voasokitre.
Jonatana ana i Gersoma, ana i Mosesy, re vaho reo anadahine le sambe mpisoro ty foko reo Danita zisike ty andro
nahazoa ty tane. [31]Naho le nanompo ty saren-jaka voasokitre ze natao i Mika iereo zisike ty andro naha-tao Silo ty
tragnon'Agnahare.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 19

[1]Tamize andro zay, laha fa tsy nisy mpanjaka tao Israely, le nisy lahilahy raike, Levita, nivahiny tagne amity
faritre lavitre vatane tamity tane tazoa Efraima. Nangalake ampela hoaze re, vaditsindrano bakagne Betlehema
Joda. [2]Nefa tsy tokam-po tamine ty vaditsindranone; niala aze rampela naho nihere tagne antragnon-draene
tagne Betlehema Joda. Nijano tagne efa-bola re.[3]Naho niare ty valine ka nagnorike aze mba hanambetambe aze
holy. Niarake tamine ty mpanompone, vaho ty ampondra roe. Le nientene tagne antragnon-draene re. Laha fa
nahisake aze ty rae ty jampela, le fale re. Ty rafozan-dahine, [4]ty rae ajampelay, le nanambetambe aze mba hijano
telo andro. Nisakafo vaho nino iereo, naho nandany ty haleke tao.[5]Nifoha aloha iereo tamity andro fahaefatre,
naho nivogno ty hindeha re, kanefa ty rae ty ajampela nirehake tamity vinanto-lahine hoe:" Mihinana mofo hey
riha, le mahazo mindeha nareo bakeo." [6]Le nitoboke iereo roe ka niarake-nihina vaho nino. Naho hoe ty rae ty
ajampela hoe:" Mba metea hanadany ty hale naho mifalea."[7]Laha fa nifoha mba hindeha ty Levita, le nisere aze
hijano ty rae ty ajampela, nagnova ty hevene re laha zao naho nirorro tao ndraike. [8]Tamity andro fahadime le
nifoha aloha mba hindeha re, fa ty rae ty ajampela nirehake tamine hoe:" Mihinana hey areke, naho
mandignasam-pihila ty andro." Naho le nisakafo iereo roe.[9]Laha fa niare mba hindeha ty Levita vaho ty valine
naho ty mpanompone, le nirehake tamine ty rafozan-dahine, ty rae ty ajampela hoe:" Ingo, mihariva avao ty
andro, naho mifalea. Afake mifoha aloha nareo hamaray naho mindeha moly."[10]Fa ty Levita tsy vogno ty hiroro.
Niare re naho nindeha. Nimbaeo Jebosa re(Jerosalema zay). Nana ampondra nisy lasele roe re_naho niarake
tamine ty valine. [11]Laha fa niharine i Jebosa iereo, le fa hohariva ty andro, naho ty mpanompo nanao tamity
tompone hoe:" Andao, hindeha tika ao antana reo Jebosita naho hiroro ao amine."[12]Hoe ty tompone tamine hoe:"
Tsy hivio amity tana ty vahiny ze tsy agnate ty vahoake Israely tika. Hombaeo Gibea tika." [13]Ty Levita nirehake
tamity ajalahy hoe:" Andao, hindeha tika ho agne amity raike amireo toera hafa, naho handany ty hale agne
Gibea na Rama."[14]Le nindeha iereo, naho nitsofotre ty andro laha fa narine Gibea iereo, ao amity faritane
Benjamina. [15]Nivio tao iereo naho niroro tao Gibea. Nindeha iereo naho nitoboke teo ankianja ty tana, fa tsy nisy
ndaty na raike nandrambe iereo ty hale.[16]Fa bakeo le nisy lahilahy antetre raike noly baka niasa tagne ambaibo ty
hariva ay. Bakagne amity tane tazoa i Efraima re, naho nivahiny tao Gibea. Nefa ty ndaty nitoboke teo amity toera
le Benjamita. [17]Nagnakatre ty masone re naho nahisake ty mpindeha baka lavitre teo an-kianja ty tana. Hoe ty
ante-dahy hoe:" Ho aia nareo? Naho bakaia ty niavianareo?"[18]Ty Levita nirehake tamine hoe:" Andala bakagne
Betlehema Joda ho agne amity faritre lavitre vatane amity tane tazoa Efraima, ty niboahako zahay. Nimbaeo
Betlehema Joda raho, naho hindeha ho agne antragno Yaveh, nefa tsy hisy ndaty handrambe ahy. [19]Mana mololo
vaho sakafo ho ahy ty ampondranay zahay, naho misy mofo vaho divay ho ahy vaho ho ahy reo mpanompo-
vavenao aty, naho ho ahy ty ajalahinao miarake amireo mpanomponao. Tsy misy zaka-manahira anay."[20]Le
nanalama iereo ty ante-dahy hoe:" Ho aminareo ty fiadagna! Izaho ro hiantoke ty zaka-paienareo iaby. Fa ko
miroro eto ankianja avao." [21]Ka le niente ty lahilahy tagne antragnone ty Levita naho nomeane sakafo reo
ampondrane. Nanasa ty tombone iereo naho nihina vaho nino.[22]Laha mboe nampifale ty arofone iereo, le nisy
lahilahy maromaro tao an-tana, lahilahy tsy soa, nagnodidy ty tragno, namofoke ty varavara. Nirehake tamity
ante-dahy, ty tompon-tragno iereo, nanao hoe:" Akaro ty lahilahy ze niavy ao antragnonao, fa hiarake-hiroro
amine zahay." [23]Niakatre ty lahilahy, tompon-tragno, naho nirehake tamiereo hoe:" Aha, ry rahalahiko, ko manao
ze zaka-raty zao tompoko! Satria vahiny ato antragnoko lahilahy io, ka ko manao ze zaka-faly zao![24]Ingo, ato ty
anako ampela verijine vaho ty valine. Magnenga ahy hinday iereo hiakatre zao. Aolagno vaho anovo amiereo ze
teanareo hatao amine. Fa ko manao zaka-faly hoe zay amio lahilahy io!" [25]Kanefa tsy nidranjy iereo lahilahy, ka le
tsinepa ty lahilahy ty valine naho nakarene teo amiereo re. Nitsepake aze iereo, nagnoloa aze, naho
nagnararaotre aze zisike ty hale, naho nenga iereo hindeha re laha maraimbey. [26]Laha fa maraimbey le niavy
rampela naho nitonta teo ambaravara tyn tragno ty lahilahy ze nisy ty tompone re, naho le nitsiora teo re zisike
ty nazava ty andro.[27]Nifoha ty tompone naho maranidray naho namoha ty varavara ty tragno ka niakatre hanohy
ty lalane. Nahisake ty valine nitsake teo ambaravara re, naho ty tagnane teo antokonam-baravara. [28]Le heo ty
Levita tamine hoe:" Mifohaza, ndao tika hindeha." Nefa tsy nisy namale. Nasampene teo amity ampondra re,
naho nindeha holy agne amine ty lahilahy.[29]Laha fa niavy tagne antragnone ty Levita, le nangalake meso re, naho
niraesene ty valine, naho pinotene, isan-taola, ho roe amby folo teteke, naho nampindesene zay nagnera ty
Israely iaby. [30]Iaby ze nahisake zay le nirehake hoe:" Zaka mboe tsy nisy nanao na nahisake zisike ty andro
niakara Israely bakagne amity tane Egypta zisike androany zao. Dineho zay! Toro-hevetre zahay! Ambarao anay
ze tokone hatao!"

Chapter 20

[1]Naho niakatre manahake ty ndaty raike reo ndaty Israely, bakagne Dana ka zisikagne Beri-sheba, agnate zay
avao kea ty tane Gileada, naho niarake-nivory teo agnoloa Yaveh tagne Mizpa iereo. [2]Reo bey ty vahoake iaby, ty
foko Israely iaby, nandrae ty toera iereo tao amity fiangona ty vahoaken'Agnahare__lahilahy 400.000 mindehana
tomboke, ze vogno hialy amity meso.[3]Naho rey reo nadty Benjamina fa niakatre tagne Mizpa reo vahoake Israely.
Reo ndaty Israely nanao hoe:" Ambarao anay hoe ino ro nahavy ze zaka-raty zao." [4]Ty Levita, valin-drampela
raike ze vinono, namale hoe:" Nimbaeo Gibea agne amity faritre i Benjamina raho, izaho vaho ty valiko, mba
handany ty hale.[5]Zisike ty hale, le nanafike ahy reo mpitarike Gibea, nagnodidy ty tragno naho nikasa ty hamono
ahy. Tsinepane vaho naota iereo ty valiko, ka mate re. [6]Nalaeko ty valiko naho tinampantampako ty vatane, naho
nalefako tagne amity faritre ty lova Israely kirai-kiraike reo, satria nagnantanterake haratia vaho fintohigna
manahake zay tagne Israely iereo. [7]Amizao, nareo Israelita iaby, ameo ty dinenareo naho manoroa hevetre
etoa."[8]Niarake-nitsanga manahake ty ndaty raike ty vahoake iaby, naho hoe iereo hoe:" Tsy hisy aminay hombeo
amity tragnone, naho tsy hisy aminay hihere ao antragnone! [9]Fa amizao kea le zao ro tsy mainsty ataontika
Gibea: hanafike iereo arake ty hitariha ty filoka antika tika.[10]Hangalake lahilahy folo amity zato magnera ty foko
Israely iaby tika, vaho zato amity arivo, naho arivo amity ray ale, mba hangalake vatse ho ahy reo ndaty reo, ka
laha fa niavy tagne Gibea agne Benjamina iereo, le hosazie amity raty ze natao iereo tagne Israely." 11Laha zao le
niharo handietre ty tana, manahake ty ndaty raike, reo miaramila Irsaely iaby.[12]Nandefa lahilahy tagne amity
foko i Benjamina reo foko Irsaely, nanao hoe:" Ino ze raty nataonareo teo aminareo zao? [13]Laha zao, ameo anay
reo lahilahy raty fagnahy agne Gibea reo, mba hamonoanay aze ho mate reo, naho mba hagnafahanay vatane ze
raty zay amy Israely." Fa i Benjamina le tsy te-haharey ty reha reo rahalahine, reo ndaty Israely. [14]Naho niarake-
nivory ty tana reo ndaty Benjamina mba hivogno hialy amity ndaty Israely.[15]Naho niarake-raike bakao amity tana
iereo ty ndaty Israely mba hialy amity miramila enegnarivo vaho roe ale ze le fa voaofa hialy amity meso.
Ankotre zay, le nisy lahilahy fitonjato voafily bakamireo vahoake Gibea. [16]Teo amireo miaramila iaby le nisy
lahilahy fito arivo ze havia. Ty kirai-kiraike tamiereo le mahavita mitorake silam-bolo amity vatom-pilatse ka tsy
mihere.[17]Ty vahoake Israely, laha tsy isafe reo bakamy Benjamina, le misake 400.000 ndaty, ty voaoma hialy amity
meso. Reo iaby le lahilahy mpialy. [18]Nitsanga reo ndaty Israely, nindeha tagne Betela, naho nangatake torohevetre
tamin'Agnahare; Nagnontane iereo hoe:" Ia ro hanafike voalohane reo ndaty Benjamina ho anay?" naho Yaveh
nanao hoe:" Joda ro hanafike voalohane."[19]Nifoha maray reo ndaty Israely naho namindra ty tobene agnila Gibea.
[20]Niakatre hialy amy Benjamina reo ndaty Irsaely. Nametrake reo toera amity aly tagne Gibea iereo. [21]Niakatre
bakagne Gibea reo ndaty Benjamina, naho namono lahilahy ty tafike Israely roa arivo vaho roe-ale tamize andro
zay.[22]Fa nagnamafe vata ty ndaty Israely naho namoro filahara teo amity toera ze nilahara iereo tamity andro
voalohane iereo. [23]Naho niakatre reo ndaty Israely ka nitagny teo agnoloa Yaveh zisike hariva ty andro iereo,
naho nipay lala tamy Yaveh iereo. Hoe iereo hoe:" Feie vao tokone hindeha hialy amireo rahalahinay zahay, reo
ndaty Benjamina?" Naho Yaveh nanao hoe:" Tafiho iereo!"[24]Ka nindeha nandietse reo miaramila Benjamina reo
ndaty Israely ty andro faharoe. [25]Tamity andro faharoe, le niakatre nandietse iereo tagne Gibea Benjamina naho
namono lahilahy valo arivo vaho ray ale bakamity ndaty Israely. Iereo iaby le lahilahy voaoma hialy amity meso.
[26]Le nindeha niakatre ho agne Betela iaby reo miaramila Israely vaho reo vahoake iaby ka nitagny, naho nitoboke
teo agnoloa Yaveh tagne iereo naho nifaly hane zisike hariva tamize andro zay naho nanolotre fagnatetre oroa
vaho fagnatem-pilongoa teo agnoloa Yaveh.[27]Nagnontane Yaveh reo ndaty Israely__satria tagne ty tomabile ty
fagnenkean'Agnahare tamize andro zay, [28]naho nanompo teo agnoloa ty tomabile ty Fineasy ana i Eliazara
anadahy Arona tamize andro zay__"Tokone hiakatre hialy amity ndaty Benjamina, rahalahinay, ndraike vao
zahay sa hijano?" Hoe Yaveh hoe:" Tafiho, satria hagnampe anareo handrese iereo Raho hamaray."[29]Ka le
nametrake ndaty tagne amity toera mihaja nagnodidy Gibea ty Israely. [30]Nialy tamireo ndaty Benjamina reo
ndaty Israely tamity andro fahatelo, naho nametrake ty filaharan'aly nandietse Gibea iereo arake ze la fa nataone
taloha.[31]Nandeha ka nialy tamireo vahoake ty ndaty Benjamina, naho voaroake niala ty tana iereo. Nanomboke
namono ty ilane tamireo vahoake iereo. Teo amity ndaty Israely telopolo teo ro mate tagne ambaibo vaho tegne
andala. Ty raike tamireo lala le niakatre nimbaeo Betela, naho ty raike hafa le nimbaeo Gibea.[32]Le hoe ty ndaty
Benjamina hoe:" Rese iereo naho nilay lavitre antika, manahake ty tamity voalohane avao." Feie hoe reo
miaramila Israely hoe:" Andao tika hilay hihere ka handroake iereo hiala amity tana ho egne andala." [33]Le
nitsanga bakeo amity toera iereo ty ndaty Israely iaby naho nanao filaharan'aly tagne Bala-tamara. Le nilay
niakatre bakao amity toerane reo miaramila Israely ze nihaja tao amity toera fihaja tao Mare-gibea.[34]Io nisy
lahilahy voamare ray ale bakagne Israely niakatre handietse GIbea, naho nafana ty aly, fa tsy nahay reo
Benjamita fa nanany iereo ty loza. [35]Nandrese i Benjamina teo agnoloa Irsaely ty Yaveh. Tamize andro zay, le

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nahafate ndaty Benjamina 25.100 reo miaramila Irsaely. Reo iaby mate le iereo ze le fa voaoma hialy amity meso. [36]Naho hisa reo miaramila Benjamina fa rese iereo. Nagnomea lala Benjamina reo ndaty Israely, satria natoky reo ndaty ze natobo iereo tagne amity toera fihaja tagne ambaly Gibea iereo. [37]Le nitsanga reo lahilahy nihaja ka nimbaeo Gibea malaky, naho tamity meso iereo ro namonoane ty ndaty iaby ze nitoboke tao antana. [38]Ty famantara nifagnaraha teo amireo miramila Israely vaho reo lahilahy nihaja ambalike le hisy rahon-deboke bey hiakatre bakao antana.[39]Laha fa lasa ty famantara le nilavo lefo tamity aly reo miramila Israely. Naho nanomboke nanafike Benjamina ka nahafate ndaty Israely eo amity telopolo, naho hoe iereo hoe:" Azo antoke fa rese eo agnoloantika iereo, manahake ty tamity aly voalohane."[40]Laha fa nanomboke nisy raho niakatre bakao amity tana, le nitolike reo Benjamita ka nahisake deboke nagnambone amity lagnitse bakeo amity tana iaby. [41]Le nivalike tamiereo ty ndaty Israely. Natahotse reo lahilahy Benjamina, fa hita iereo fa avy amiereo ty loza.[42]Laha zao le nilay ty ndaty Israely iereo, nilay tagne amity lala mbaeo agnefetre. Nefa nahatratre iereo ty aly. Niakatre ty tana reo miaramila Irsaely ka nahafate iereo tegne amize nitsanganane.[43]Nagnodidy reo Benjamina iereo, nanao haza-lambo iereo naho nanoseke iereo tagne Noaha, tagne amity lala ty ilane antignana Gibea. [44]Valo arivo vaho ray ale ro ndtay mate bakao amity foko Benjamina, iaby tamiereo le lahilahy niavake tamity aly.[45]Nihodike iereo naho nilay nimbaeo agnefetre tagne amity vatolampy Rimona. Nahafate ndaty dime arivo hafa tamiereo ty Israelita tegne andala. Nagnia iereo zisikagne iereo, naho nagnorike iereo avao tagne andala mbaeo Gidoma, naho tagne ro namonoa iereo ndaty roa arivo ilane. [46]Dime arivo vaho roe ale reo miramila Benjamina iaby lavo tamize andro zay__le lahilahy ze voaoma hialy amity meso; iereo iaby le nihafa tamity aly.[47]Nefa lahilahy enenjato ro nihody ha nilay tagne agnefetre, nimbaeo amity vatolampy Rimona. Nitoboke tagne amity vatolampy Rimona zisike ty efe-bola iereo. [48]Nihere handietse reo ndaty Benjamina reo miramila Israely naho nanafike vaho namono iereo__ty tana iaby, reo biby hare, naho reo zaka iaby ze hita iereo. Noroa iereo avao kea reo tana iaby tegne amity lala iereo.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 21

[1]Naho ty lahilahy Israely nanao fampagnantegna tao Mizpa hoe:" Tsy hisy amintika hagnomea ty anakampelane hanambaly Benjamita." [2]Le nimbaeo Betela ty vahoake ka nitoboke tagne teo agnoloan'Agnahare zisike hariva, naho nitagny mafe tamity feo abone iereo. [3]Hoe iereo nikaike mafe:" Nagnino, ry Yaveh, Zagnahare Israely, ro le niseho tamy Israely zao, ha tsy eto aminay sase ty raike amireo fokonay amizao?"[4]Nifoha maray ty vahoake ty tehamaray igne ka nagnore alitara teo naho nanolotre fagnatetre oroa vaho fagnatem-pilongoa. [5]Hoe ty vahoake Israely hoe:" Ia taminareo foko Irsaely ro tsy niakatre tao amity fiangona tagne amy Yaveh?" Satria nanao fampagnantegna bey vatane iereo mikasike ty ndaty ze tsy niakatre teo amy Yaveh tagne Mizpa. Hoe iereo hoe:" Tena hovonoe ho mate re."[6]Nana fiferenaigna tamy Benjamina rahalahine iereo ty vahoake Israely. Hoe iereo hoe:" Rava tsy ho eo amity Israely ty foko raike amizao. [7]Ia ro hagnomea valy reo sisa tavela, satria le fa nanao fampagnantegna tamy Yaveh tika fa tsy hagnenga iereo hanambaly reo anakampelantika?"[8]Hoe iereo hoe:" Ia tamireo foko Israely ro tsy niakatre tagne amy Yaveh tagne Mizpa?" Hay fa nisy ndaty niavy tao amity fiangona ty bakagne Jabesy Gileada. [9]Fa laha fa nindeha tamity fomba soa ty vahoake, ingo, tsy nisy niavy teo reo vahoake Jebesy Gileada. [10]Nagnirake roe arivo vaho ray ale tamireo lahilahy bey herim-po vatane miarake amity torohevetre ty fiangona mba hindeha agne Jabesy Gileada ka hanafike iereo, naho hamono iereo, egne fa na le ty kolo aman'ampela aza.[11]"Zao ro anovo:tsy maintsy vonoenareo ty lahilahy iaby vaho ampela iaby ze le niarake niroro tamina-lahilahy." [12]Nahisake ajampela efajato ze mboe tsy niarake-niroro tamina-lahilahy tamireo velo tao Jabesy Gileada reo lahilahy, ka niente iereo tagne antobe tagne Silo, tagne Kanana iereo.[13]Nandefa talily tamireo vahoake Benjamina ze tagne amity harambato Rimona ty fiangona iaby fa nanolotre filongoa ho ahy iarei iereo. [14]Nihere tamize androm zay reo Benjamina naho nagnomea iereo ty ampela Jabesy Gileada, nefa tsy ampe ho aze iaby reo ty ampela. [15]Nanegne tamize niseho tamy Benjamina ty vahoake, satria zinara Yaveh reo foko Israely.[16]Le hoe reo mpitarike ty fiangona hoe:" Hataontika akore ty hagnomea valy ho ahy reo Benjamita ze sisa tavela, satria le fa vinono reo ampela Benjamina?" [17]Hoe iereo hoe:" Tsy maintsy misy lova ho ahy reo sisa velo Benjamina, mba tsy hisy foko voarava amy Israely.[18]Tsy afake magnomea valy bakamireo anakampela ho ahy iereo zahay, satria nanao fampagnantegna reo vahoake Israely hoe:' Voaozo ze magnomea valy i Benjamina." [19]Le heo iereo hoe:" Hainareo fa isan-tao le misy andro fifalea ho ahy Yaveh agne Silo(avara Betela, antignana ty lala miakatre bakagne Betela mbaeo Sekema, naho antimo i Lebona)."[20]Nandily reo lahilahy Benjamina iereo, nanao hoe :" Mindehana ka mihaja naho mandignasa ao amity tanem-boaloboke. [21]Mandignasa ty andro ze hiakara reo ajampela bakagne Silo handihy, le miakare malaky bakao amity tanem-boaloboke ka mitsebaha valy bakamireo ajampela bakagne Silo ty kirai-kiraike aby aminareo, bakeo le miheregna agne amity tane Benjamina.[22]Laha fa niavy handietse antika reo rae iereo na reo anadahy iereo, le hirehake tika hoe:' Anoro famindran-gnarofo zahay! Engao iereo hijano satria tsy mba nahazo valy ho ahy ty lahilahy kirai-kiraike zisike ty aly zahay. Tsy manan-tsiny nareo, satria tsy nameanareo iereo ty ananareo ampela."[23]Natao ty vahoake Benjamina zay. Nalae iereo tamireo ajampela ze nandihy ty isa ty valy ze pinay iereo ka le niente iereo ho valine iereo. Lasa iereo naho nihere tagne amity toeran-dova iereo. Naleo iereo ndraike ty tana vaho nitoboke tao amizay. [24]Le niala ze toera zay ka nindeha noly ty vahoake Israely, sambe agne amity foko vaho ty longone iaby, naho sambe agne amity lovane iaby.[25]Tsy nisy mpanjaka tao Israely tamize andro zay. Sambe nanao ze mare teo amasone ty ndaty iabike.

# Ruth

Chapter 1

[1]Tamity andro nanampaha gniereo mpitsara le nisy kere tamity tane, vaho nisy lahilahy raike bakao Betlehema i Joda nandeha tagne amity tane Moaba niarake tamiy valine naho reo anane roe lahy. [2]Ty agnara iaze lahilahy le Elimeleka, vaho ty agnara ty valine le Naomy. Ty agnara reo anane roe lahy le Malona naho Kiliona, ze Efraita bakagne Betlehema i Joda. Niavy tagne amity tane Moaba iereo vaho nitoboke tao.[3]Vaho mate ty Elimeleka, valy Naomy, ka ze sisa tavela niarake tamity anane roe lahy. [4]Reo anane lahy reo le nangalake valy tamy reo ampela ndre Moaba; ty agnara ty raike le i Orpa, vaho ty agnara ty raike le Rota. Nitoboke tao zisike ty folo tao iereo. [5]Bakeo le mate ty Malona naho Kilona, nagnenga andre Naomy tsy misy valine vaho tsy misy reo anane roe. [6]Bakeo Naomy nanampakevetse ty hagnenga andre Moaba miarake amity vinantone vave vaho nihere tagne Joda satria fa regne tamity faretse Moaba fa fa nagnampe ty vahoane ze nila fagnampea ty Yaveh vaho nagnome hane iereo. [7]Le nagnenga ty toera ze niarahane tamity vinantone vave roe re, ka nandeha nizotso ty lala re mba hihere amity tane Joda.[8]Hoe ty Naomy tamy reo vinantone vave roe tihoe: "Mandehana, miheregna, agne amity tragno

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

drenegnareo, inareo kiraidraike iaby.Lonike Yaveh hanehoanareo hasoam-pagnahy aminareo eo, manahake ty
nanehoanareo hasoa fagnahy tamity mate naho tamiko. [9]Lonike ty Tompo hagnomey anareo ka hahisahanareo
fiadagna, inareo kiraidraike iaby amity tragno ao ze valy hafa. "Vaho nagnoroke iereo re, sady nanondrotse ty feo
gniereo ro nitagny. [10]Hoe iereo tamine tihoe: "Oho! hiara- hihere aminao ho agne amity vahoakenao zahay."[11]Nefa
ty Naomy nivola tihoe: "Mandehana miheregna, gea anak'ampelako! Nanao akore nareo ro mandeha hagnorike
ahy? Mboe hana kololahy an-troko ato vao raho ho anareo, ka ho lasa valinareo iereo? [12]Mandehana miheregna,
gea ty anak'ampelako, oriho ty lalagnareo, fa fa antetse raho laha hanambaly. Laha mivola raho tihoe:
'Magnategna raho fa hahazo valy te androany hale, vaho hiterake kololahy, [13]le mboe hahaly iereo zisike ty
hahabevata aze vao nareo? Hahaly vao nareo vaho tsy hanambaly lahilahy te amizao? Oho, gea anake!
Mampalahelo ahy vatane zay, mihoatse naho ty alahelognareo ty amy zay, satria ty tagna Yaveh ro namango
ahy."[14]Vaho nanondrotse ty feone reo vinantone vave sady nitagny ndraike. Nagnoroke nanao veloma ty rafozane
vave ty Orpa, fa i Rota nipiteke tamine eo. [15]Hoe Naomy tihoe: "Njajigno, noly tagne amy reo vahoane naho reo
Zagnaharene ty ravetronao. Miheregna miarake amy ravetronao."[16]Nefa ty Rota nivola tihoe: "Ko enga
hagnalavitse anao raho, fa ze ombanao, le hombako, ze ijanognanao, le hijanognako; ty vahoanao le ho vahoako,
vaho ty Zagnaharenao le ho Zagnahareko. [17]Ze toera hifatezanao, le hifatezako, vaho agne ro handevegna
ahy.Lonike Yaveh hagnafay ahy, vaho mihoatse aza, laha ty fahafateza fa tsy zaka hafa avao ro mampisarake
antika." [18]Lahafa hisa Naomy fa tapakevetse handeha hiarake amine ty Rota, le nagnajano ty fialian-keve tamine
re.[19]Le nandeha iereo roe zisike ty hahavia iereo tantana Betlehema ao. Ezao ro niseho lahafa niavy ta Betlehema
ao iereo, ty tantana ao iaby le enjake tamy iereo. Hoe iereo ampela tihoe: Naomy vao toy? [20]Kanefa hoe re tamy
iereo tihoe: "Ko kaihe tihoe Naomy raho. Kaiho tihoe Mara raho, satria nampinday ahy ty mafaetse vatane ty
Tsitoha. [21]Niboake feno raho, nefa Yaveh ninday ahy nihere tamity tagnam-polo tantragno ao. Naho izay nanao
akore nareo ro mikaike ahy tihoe Naomy, amity fahisaha ty fagnameloha Yaveh ahy, fa iaze Tsitohay le nampijale
ahy?"[22]Vaho Naomy naho Rota iaze Moabitay, vinantovavene le nihere tagne amity tane Moaba. Avy tao
Betlehema iereo tamity fiandoha ty famokara bare.

Chapter 2

1Vaho Elimeleka, valy Naomy, le nana longo mariketse, i Boaza, ze nanakanagna, naho lahilahy nanan-kasy. 2Rota,
iaze Moabitay, nivola tamy Naomi tihoe: "Amizao engaho raho hindeha vaho hitimpo ze sisa tavela amy reo
salohim-bare an-baibo egne. Hagnarake ze ndaty hahisahako fitea amasone eo raho." Kea hoe ty Naomy tamine
tihoe: "Mandehana, ty anako."3Le nindeha ty Rota vaho nitimpo ze sisa tavela tagne amity baibo lahafa baka
vinoka gniereo zay. Vaho sendra niavy tamity anjara baibo Boaza, ze longo Elimeleka re. 4Vaho ingo, Boaza niavy
tagne Betlrhrma vaho nivola tamy reo mpamokatse tihoe: "Lonike ho aminareo ty Yaveh." Namale aze iereo
tihoe: "Lonike hitahy anao ty Yaveh."5Vaho Boaza nivola tamity mpanompone ze nagnara maso reo mpamokatse
tihoe: "Ana gnia vao o ampela io o?" 6Iaze mpanompo mpagnaramaso ty mpamokatsey namale vaho nivola tihoe:
"Ampela Moabita nirae nihere tamy Naomy bakagne amity tane Moaba io. 7Nivola tamiko re tihoe: 'Mba engaho
rie raho hitimpo ze ambine an-baibo ao lahafa baka namokatse reo mpiasa.' Kea le avy teto re ka nanohy
nanomboke tamity maraindray ka zisikamizao, fa nitofa kele tantragno ao re."8Le hoe Boaza tamy Rota: "Minjajy
ahy vao rihao, anake? Ko mamdeha mitimpo agne amity baibo hafa; ko magnega ty baiboko. Fa kea, mijanogna
eto ka miraesa asa amy somonjara mpihina reo. 9Amity baibo ze hamokara jampela avao ro afantoho ty
masognao ka magnaraha bakafara reo ampela hafa. Tsy fa nivola reo somonjara tsy hikasike anao vao raho? Na
ombia na ombia riha ro maeake, le afake mbamity basiny drano riha vaho mino ty rano ze nantsakae reo
somonjara."10Le niondreke tagnoloa Boaza eo re, nampikasike ty lohane tamity tane. Hoe re tamine: "Nanao akore
ro le nahisake fitea tamasonao eo raho, ka miaro ahy riha, iraho ze mpivahiny?" 11Namale ty Boaza ka nivola
tamine tihoe: "Voaresake amiko atoy, ze iaby nanoenao zisikamity nahafateza ty valinao. Nagnega ty roaenao, ty
roenenao, vaho ty tane nilatsaha ty tavoninao riha mba hgnarake ty rafozam-bavenao ka handeha ho agne amity
vahoake ze tsy haiko. 12Lonike Zagnahare hamale fitea anao naho ty asanao. Lonike riha handrambe ty takalone
feno bakamy Yaveh, iaze Zagnahare Israely, ze nahisahanao fialofa tambane elane ao."13Le hoe re bakeo: "Ao
hahisake fitea amasonao eo raho, tompoko, fa nagnono ahy riha, vaho nivola tamity hasoam-pagnahy tamiko, na
le tsy isa reo mpanompo vavenao aza raho."14Tamity lera fihinana le hoe Boaza tamy Rota : "Mbetoa, vaho
mihinana amity mofo, ka adroboho amity divae madiro ao ty tampa-mofonao." Le nitoboke tagnila reo
mpamokatse eo re, vaho nagnomey vare votiende ho aze re. Nihina re zisikamity mahavintsy aze vaho nengane
ty sisa izay.15Laha ire nitsanga hamory voa igne, le nandily reo ajiahine ty Boaza, nanao tihoe: "Ao re hamory ty
voa na le amy reo amboara eo aza, vaho ko mivola aze tsy hanao izay. 16Vaho manoraha salohim-bare maromaro
bakamity amboara ho aze avao, le engaho zay mba havorine, vaho ko meloke aze."17Kea le nitimpo tegne an-
baibo re zisike ty hahariva ty andro. Bakeo le namofoke reo salohim-bare ze voavory re, vaho vare hoedea teo ho
eo amity vaha raike zay. 18Nampiakarene zay ka nimba tana mbeo re. Bakeo le hisa ty rafozam-bavene reo
voevory. Ninday vare nendase sisa i haney avao kea ty Rota ka nagnomey izay ho aze.19Hoe ty rafozam-bavene
tamine tihoe: " Taia riha ro nitimpo tandroany? Taia riha ro nandeha niasa? Lonike ho tahie ty lahilahy ze
nagnampe anao." Le nivola ty Rota tamity rafozam-bavene ty mikasike i lahilahy ze nana iaze baibo niasaney.
Hoe re tihoe: "Boaza ro agnara iaze lahilahy ze tompo ty taney niasako androany." 20Heo ty Naomy tamity
vinatovavene tihoe: "Ho tahie Yaveh, iaze tsy nahafoe ty fahitiane tamity velo naho ty mate gea re." Hoe ty
Naomy tamine: "Longotika mariketse iaze lahilahy, raike amity longo mpagnavotse antika."21Hoe ty Rota Moabita
tihoe: "Hoe vatane re tamiko tihoe: 'Tokone hifagnariketse amity mpamarakiko zisikagne riha zisikamity
hahavita gniereo ty famokaram-bokatse iaby." 22Hoe ty Naomy tamy Rota vinantovavene tihoe: "Soa zay, nao gea
ty anak;ampelako, ty handehananao miarake amy reo mpiasane vave, mba tsy hisy hahazo anao agne amity
baibo hafa."23Kea le nitoboke marikitse reo mpiasa vave i Boaza re mba hibongo zisike ty hahatampetse ty
famokara vare hordea naho ty famokara varen-bazaha. Nirae toboke tamity rafozambavene re.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 3

[1]Vaho, Naomy, rafozan-bavene, nivola tamine tihoe: "Nao gea anak'ampelako, tsy tokone hila toera mba hitofanao
va gea raho, mba hahasoa anao? [2]Vaho Boaza, iaze lahilahy ze niarahanao ty mpiasa vave mpanompone, tsy
longotika va gea re? Ingo, hikororke vare hordea am-pamoloa ao re tehariva.[3]Naho zay, sasao ty vatagnao,
hosoro menake ty vatagnao, isikino reo sikinao ze farane soa vatane, vaho mizotsoa am-pamoloa agne. Fa ko atao
hae ty ndaty riha zisi-pahavitane mihina naho mino. [4]Fa laha miroro re, fantaro ty toera ze hiroroane mba
hahafahagnao mbamine mbeo bakeo, afaho ty lamba amity tombone, vaho miroroa eo. Le hovolagnene aminao
ze hanoe." Hanao ze zaka vinolagnao raho."[6]Ka le nizotso tan-pamoloa agne re, vaho nagnorike reo fagnanara
namea ty rafonza-bavene aze. [7]Lahafa nihina naho nino ty Boaza vaho fale ty fone, le nandeha niroro tamity fara
ty antontam-bare re. Bakeo le niavy kimoramora re, nagnafake ty lamba tamiy tombone, vaho niroro.[8]Ezao ro
niseho lahafa taitse iajiahy tamity vakimirahale. Nitolike re, vaho tampoke teo ingo nisy ampela niroro
tantombone eo! [9]Hoe re: "Ia rihao? Le namale re tihoe: "Iraho Rotao, mpanompo vavenao. Aelezo amity
mpanompo vavenao ty sikinao, fa longo marikitse riha."[10]Hoe ty Boaza: "Anak'ampelako, lonike hotahie Yaveh
riha. Fa naneho hasoam-pagnahy bevata vatane tamity afara ato naho ty amity voalohane riha, satria tsy
nagnarake ty pamaraky riha, na tsy mana na manakanagna. [11]Amizao, anak'ampelako, ko matahotse! Hanoeko ho
anao ze volagnenao iaby, satria ty tana ty vahoako iaby mahay fa ampela sahaza riha.[12]Mare fa longo raho, nefa
misy longo marikitse vatane naho iraho. [13]Mijanogna etoa laha hale, vaho amity marae, laha hamita ty asa ty
maha longo marikitse ho anao re, soa zay, lonike hanao ty lily ty maha longo marikitse. Fa laha tsy hanao ty asa
maha longo mariketse ho anao re, le ho anoeko zay, naho ty fahavelomagn'Yaveh. Miroroa zisike maray."[14]Le
niroro tan-tombone eo zisike marae re. Fa nifoha re laha mboe maieke tsy ahaiza ndaty igne ty andro. Fa i Boaza
nivola tihoe: "Lonike tsy ho hay tihoe avy an-pamoloa eo ty anjampela." [15]Le hoe ty Boaza: "Indeso ty siky
fisikinanao vaho tanjaho zay." Lahafa nanao manahake izay r, le nagnamentatse vare hordea ignene ty
famaragna tagnate izay re vaho nampipoke ty enta tamine eo. Le nimban-tana mbagne re.[16]Lahafa niavy tagne
amity rafozam-bavene ty Rota, le hoe re: "Nanao akore ty nanoenao, anak'ampelako?" Le nivola tamine ze iaby ze
nanoe iajiahy tamine ty Rota. [17]Hoe re: "Vare hordea retoa ignene ty vaha retoa ro nameane ahy, fa hoe re: 'Ko
mandeha avao amy zao mbamity rafozambavenao mbeo.' [18]Le hoe ty Naomy: "Mijanogna etoa, gea
anak'ampelako, zisike ty hahaianao ze fivaliha njaka, fa tsy hijano iajiahy zisi-pahavita ze zaka zay androany."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Vaho niboake tamity vavahady eo ty Boaza vaho nijano tegne. Ingo, niavy iaze longo mariketse ze fa nivolagne
ndre Boazay. Hoe ty Boaza tamine tihoe: "Nao ragnetse, magnatogna vaho mitoboha etoa." Nagnato ijiahy vaho
nitoboke. [2]Bakeo le nangalake lahilahy folo tamy reo roandria antana eo ty Boaza vaho nivola tihoe: "Mitoboha
etoa." Kea nitoboke iereo.[3]Hoe ty Boaza tamy iaze longo mariketsey tihoe: "Naomy, ze nihere bakagne amity tana
ndre Moaba, le mivarotse ambakimira tane ze andre Elimeleka rahalahintika. [4]Nandineke ty hampahaia anao
naho hivola aminao raho tihoe: 'Vilio agnoloa reo roandria reo eto zay, vaho agnoloa reo lohandoha ty vahoako.'
fa laha magniry ty hagnavota izay riha, avoto zay. Fa laha tsy teanao ty hagnavotse izay, le volagno raho, mba
hahaizako, satria tsy misy hagnavotse anio ankoatse anao, vaho iraho manoha anao." Vaho hoe iaze lahilahy
raike hafay tihoe: "Havotako io."[5]Vaho hoe ty Boaza tihoe: "Amity andro ze hiviliananao o tane egne antagna ndre
Naomy io, le tsy maintsy mangalake andre Rota iaze Moabitay, valy ilahilahy matey, mba hanondrotse ty agnara
iaze lahilahy mate amity lovane avao kea riha." [6]Vaho hoe ilongone marikitsey tihoe: "Tsy afake ty hagnavotse
izay ho ahy ty vatako raho laha manimba ty lovako zay. Alao ho anao ty zo ty fagnavotako, satria tsy afake ty
hagnavotse izay raho."[7]Vaho izay ro fomba taloha ta Israely mikasike ty fagnavota naho fanakaloza gneta. Mba
hagnamafesa ty zaka iaby, ty lahilahy raike le nangalake ty kirarone vaho nagnomey izay ho ahy ty mirae belo
amine; izay ro fomba fanaova fifagnekea magnara dily ta Israely ao. [8]Kea hoe i longo mariketsey tamy ndre Boaza
tihoe: "Vilio ho ahy ty vatagnao zay," vaho afaho ty kapane.[9]Vaho hoe ty Boaza tamy reo roandria naho ty ndaty
iaby tihoe: "Vavolombelo nareo androany fa fa nivilieko iaby ze zaka andre Elimeleka naho ze iaby andre Kiliona
vaho Mahalona tegne antagna i Naomy. [10]Laha ty mikasike i Rota iaze Moabitay, valy Mahalonay: Fa nalaeko ho
vilie kea re, mba hahafahako manondrotse ty agnara iaze lahilahy mate mba ho lovane, kea tsy hiala amity
fitobohane eo ty agnarane. Vavolombelo nareo teandroany."[11]Hoe reo ndaty iaby za tamity vavahady naho reo
roandria tihoe: "Vavolombelo njahay. Lonike ty Yaveh hanao iampelay ze avy atragnonao ao hanahake andre
rahely naho Lea, ie roe ze nanaga ty tragno ty Israely; vaho lonike riha hovagno a Efratao vaho halaza a
Bethlehemao. [12]Lonike ty tragnonao hanahake ty tragno Fareza, ze natera ndre Tamara tamy Joda, amity alala ty
foko ze hamea Yaveh anao miarake amo ampelao."[13]Kea nirambese Boaza ty Rota, vaho le nilase valine re. Nirae
fandre tamine re, vaho Yaveh le nagnenga aze ho bevoka, vaho niterake kololahy re. [14]Hoe iampelay tamy Naomy
tihoe: "Ao hisaora ty Yaveh, ze tsy nagnega anao tsy hanan-dongo mariketse, le ty kolo toy.Ao Halaza a Israely ty
agnarane. [15]Lonike re ho iaze hagnere ty fiagnanao amity taloha vaho hikarakara anao lahafa antetse riha, fa ty
vinatognao, ze tea anao, ze soa aminao mihoatse naho ty anake fito lahy, ro niterake aze."[16]Nirambese ndre
Naomy i koloy, le nampiroroene tantratraneo, vaho nikarakaraene. [17]Namea reo ampela mpirae belo agnara re
tihoe: "Iaza kolo lahy naterake ho ahy ndre Naomy." Kinay gniereo tihoe: Obeda. Ire le niterake andre Jese, ze
niterake andre Davita.[18]Vaho intoa ty foko Faraza: I Faraza le niterake andre Hezrona, [19]i Herzona niterake andre
Rama, re Rama niterake andre Aminadaba, [20]re Aminadaba nisamake andre Nasona, re Nasona nisamake andre
Solomona, [21]re Salomona nisamake andre Boaza, re Boaza nisamake re Obeda, [22]re Obeda nisamake andre Jese,
vaho Jese nisamake andre Davida.

# 1 Samuel

Chapter 1

[1]Nisy lahilahy raike bakao Ramataima agne Zefotita, tane tazoa ty Efraima; ty agnarane le Elkana anadahy
Jeroama anadahy Eliho anadahy Toho anadahy Zofa, Efraimita. [2]Nana valy roe re, ty voalohane le i Hana, naho ty
agnara ty faharoe le i Penina. Nanagnanake ty Penina, fa Hana kea tsy mba nana.[3]I lahilahy io le isan-tao ro niala
bakagne amity tanane mba hanompo vaho hanao soro ho ahy Yaveh tompo ty maro ao Silo. Tao reo anake roe
lahy Ely, Ofnia vaho Finehasa, mpisoro Yaveh. [4]Laha avy ty anjara andro hanova Elkana soro isan-tao, le
nagnomea vakin-kena ho ahy Penina valine zisikagne re, naho ho ahy reo anadahine vaho reo anakampelane
iaby.[5]Fa ho ahy Hana kea le vakine roe avao ro nameane aze, satria teane ty Hana, na le fa natao Yaveh tsy
miterake aza re. [6]Nipay aze mafe ty rafe-vavene mba handragitre aze, satria Yaveh tsinampiterake aze.[7]Ka isan-
tao, laha fa niakatre tagne antragno Yaveh re amity fokone, le nipay aze zisikeagne ty rafe-vavene. Laha zao le
nitagny vaho tsy nihina na ino ino re. [8]Fa Elkana valine tamine zisikagne hoe:" Hana, nagnino riha ro mitagny?
Nagnino riha ro tsy mihina? Nagnino ty arofonao ro meloke? Tsy soa aminao noho ty anadahy folo vao raho?
[9]Indraike, le nindeha Hana laha fa baka nihina vaho ninondrano tao Silo iereo. Naho Ely mpisoro nitoboke teo
amity sezane teo agnila ty vavahady ty tamepoly Yaveh. [10]Ore vatane re; nivavake tamy Yaveh re naho nitagny


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

mafe.[11]Nanao vava re naho nanao ty hoe:" Ry Yaveh tompo ty maro, laha hisanao ty fijalea ty mpanomponao le
tiarovo raho, naho ko magnaligno ty mpanomponao, fa ameo anadahy kea ty mpanomponao, le hatoloko Yaveh
re amity androm-piaignane iaby, naho tsy hisy meso hikihisa ty lohane."[12]Naho laha mboe nanohy nivavake teo
agnoloa Yaveh re, le hinente Ely ty vavakene. [13]Nirehake tao ampone ty Hana. Nihetseketseke ty vavane, feie fa
mamo re. [14]Le hoe Ely tamine:" Hirifiry riha ro ho mamo? Miala amity divainao."[15]Hana namale hoe:" Aha
tompoko, ampela ore ampagnahy raho. Tsy ninon-draho na zaka-mahamamo, fa mirehake ty agnateko ato
agnoloa Yaveh raho. [16]Ko hevere ho ampela tsy misy hegnatre ty mpanomponao; nirehake tamity habey ty
fijaleako vaho ty fipaiane ahy raho."[17]Naho Ely namale ka nanao hoe:" Mindehana ampilamina; Zagnahare Israely
anie hamale ty hatake ze nangatahenao tamine." [18]Hoe ty ampela:" Ao hahisake saotre eo amasonao ty
mpanomponao." Le nindeha tamity lalane rampela ka nihina; tsy nalahelo sase ty toerane.[19]Nindeha vaho
magneno akoho iereo ka nanompo teo agnoloa Yaveh, naho nihere tagne antragnone tagne Rama ndraike iereo
bakeo. Niarake-niroro tamy Hana valine ty Elkana, naho Yaveh nahatiaro aze. [20]Laha fa niavy ty andro, le
nibevoka ty Hana naho niterake kolo lahilahy. Nikaike ty agnarane hoe: Samoela re, nanao hoe:" Satria bakamy
Yaveh ro nangatahako aze."[21]Elkana vaho reo fokone iaby le niakatre ndraike mba hanolotre ty soro isan-tao ho
ahy Yaveh ka nandoa ty vavane. [22]Fa Hana kea tsy nindeha; le fa nirehake tamity valine re hoe:"Tsy hindeha raho
mandram-pisara-nono ty kolo; naho hoenteko re, mba hahafahane miboake eo agnoloa Yaveh naho hitoboke
agne zisikezay." [23]Hoe ty Elkana valine tamine hoe:" Anovo ze hisanao fa soa aminao. Mandignasa madram-
pisara-nonone; feie, Yaveh avao anie ro hagnamafe ty rehane." Le nijano rampela naho niteza ty anadahine
mandram-pisarahane nono aze.[24]Laha fa sinarane nono re, le nientene niarake tamine, niarake tamity
anakagnombe kele telo tao raike, sakafo raike efaha, naho tavoangin-divay raike, ka nientene tao antragno Yaveh
tao Silo re. Naho mboe kele ty kolo. [25]Vinono iereo ty anakagnombe, naho nientene tagne amy Ely ty kolo.[26]Hoe re
ty hoe:" O, ry tompoko! Laha mboe velo kea riha, ry tompoko, zaho ty ampela ze nitsanga teo agnilanao nivavake
tamy Yaveh. [27]Fa ty kolo toy ro nivavahako naho namea Yaveh ahy ty hatako ze nangataheko tamine. [28]Le fa
nameako Yaveh re, laha mboe velo kea re le hatolotre Yaveh." Le nanompo Yaveh teo re.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Nivavake ty Hana ka nanao hoe:" Ty arofoko mifale ao amy Yaveh. Ty trifako miakatre amy Yaveh. Ty sogniko
mirehareha magnoloa reo fahavaloko, satria mifale amity famonjeanao raho.[2]Tsy misy masy manahake Yaveh, fa
tsy misy hafa i Riha; tsy misy vatolampy manahake ty Zagnaharentika.[3]Ko mirehareha loatre sase; ao tsy ho
akare ty vavanao ty avognavo. Fa Yaveh ro Zagnahare ty fahaia; amity alalane ro handanja ty asa. [4]Ty folese reo
lahilahy mahere le tampake, fa reo tafintohy kea le misikin-kere manahake ty santira.[5]Reo ze voky nikarama
mofo; reo ze kere le nijano tamity hakere. Na ty tsy miterake aza miterake fito, fa ty ampela managnanake maro
kea le mivaraneha.[6]Yaveh ro mahafate vaho minday ho amity havelo. Re ro mandrotso agne amity fiaignan-tsy
hisake naho mananga. [7]Yaveh ro mampahantra ty ndaty ilane naho maha-pagnarivo ty ilane. Mampietre re, nefa
mampiakatre avao kea.[8]Magnamafe ty mahantra hiala amity deboke Re. Mampiakatre ty ore hiala amity
lavenoke mba hanao iereo miarake amity andrian-dahy ka handova ty sezam-boninahitre. Ty ambe ty tane iaby
le ahy Yaveh naho teo amireo ro nametrahane zao iaby zao.[9]Hambenane ty tombo ty ndatine matoky, fa ty raty
fagnahy kea le hampitsigne agne amity iem-pito, satria tsy misy haharese amity here.[10]Reo ze mandietre Yaveh le
ho poteke; handefa ora bakagne andagnitse handietre iereo Re. Yaveh ro hitsara ty fara ty tane iaby; hagnomea
here ty mpanjakane Re naho hagnakatre ty trifa ty voahosona."[11]Bakeo Elkana le nimbaeo Rama, tagne
antragnone. Nanompo an'Agnahare teo amity fiatreha Ely mpisoro ty kolo.[12]Naho lahilahy raty fagnahy reo
anadahy Ely. Tsy nahay Yaveh iereo. [13]Ty fatao ty mpisoro miarake amireo vahoake laha fa nisy lahilahy
nanolotre soro, le mamonje ty mpanompone ty mpisoro ka minday fandraitse telo rantsagna egne antagnane,
laha mboe mandeve ty hena. [14]Atsoboro ao agnate lasitre zay, na fahandroan-kena, na velagne, na velagne bey.
Reo iaby azo ty fandraitse ao le alae ty mpisoro ho aze. Natao iereo tao Silo niarake tamireo Israelita iaby ze
niavy tao zay.[15]Raty vatane aza, aloha ty nagnoroa iereo ty sabora, le tamity mpanompo ty mpisoro, naho
nirehake tamity lahilahy ze nanao ty soro hoe:" Ameo hena ho entsake ty mpisoro, fa tsy hagnenke hena
nahandroe bakaminao re, fa ty manta avao." [16]Laha mirehake amine ty lahilahy hoe,"Tsy maintsy oroa iereo
aloha ty sabora, naho bakeo le afake mangalake maro arake ze teanao riha." Le valeane hoe:" Aha, fa ameanao
zao henanezao avao zay; fa laha tsy zay, le halaeko ankere zay." [17]Bey le bey vatane ty helognireo ajalahy
magnoloa Yaveh, satria natao iereo tsinontsino ty fagnatetre Yaveh.[18]Fa Samoela le nanompo Yaveh laha mboe
kele niakanjo efoda rongone foty. [19]Nagnamboaran-drenene akanjo lava kele re ka nientene ho aze isan-tao zay,
laha fa niakatre niarake tamity valine mba hanolotre ty fagnatetre fanao isan-tao re.[20]Naho Ely nitso-drano
Elkana vaho ty valine nanao ty hoe:" Hagnomea anao kolo maro amity ampela toy anie Zagnahare noho ty hatake
ze nataone tamy Yaveh." Bakeo le nihere tagne antragnone iereo. [21]Nagnampe i Hana ndraike Yaveh, ka nibevoka
ndraike re. Niterake telo lahy vaho roe vave re. Zisike ze andro zay, le nitombo teo agnoloa Yaveh ty Samoela
kolo.[22]Naho le fa antetre vatane Ely; reine iaby iaby ze natao reo anadahine tamity Israely iaby, vaho ty niroroa
iereo niarake tamity ampela ze nanompo eo amity filira ao amity tragno fivoria. [23]Hoe re tamiereo:" Fa magnino
nareo ro manao zaka hoe zao? Le fa reiko tamity ndaty iaby ty zaka-raty nataonareo. [24]"Aha, ro anako; tsy talily
soa ro reiko. Mahavy ty vahoake Yaveh tsy hagnorike nareo.[25]"Laha misy ndaty raike manonta amity hafa raike,
le hotsaraen'Agnahare re; fa laha misy lahilahy reike manonta amy Yaveh, ia ro hisolo vava aze?" Fa tsy hidranjy
ty feo ty raene iereo, satria Yaveh le fa nikasa ty hahafate iereo. [26]Nihabey Samoela kolo, naho nitombo hatea
tamy Yaveh vaho tamity ndaty avao kea.[27]Naho nisy lahilahin'Agnahare raike namonje Ely ka nanao tamine hoe:"
Zao ro safa Yaveh,'Tsy le fa nanoro ty vatako taminao tamity foko reo razambeinao vao raho, laha mboe tagne
Egypta tamity fagnandevoza ty foko Farao iereo? [28]Finiliko tagnate reo foko Israely iaby re mba ho mpisoro, mba
hiakatre egne amity alitarako, naho mba hagnoro ty liten-ketae magnitre, mba hiakanjo efoda magnoloa Ahy.
Nameako ho ahy ty foko ty razambeinao reo fagnatatre iaby natao ty vahoake Israely tamity afo.[29]Nagnino are,
riha ro magnaraty reo soro vaho fagnateko ze tinakeko ho eo amity toera fitobohako? Nagnino ro ameanao hasy
mihoatre ahy amity famondraha ty vatanareo amity soa vatane bakamity fagnatetre iaby ty Israely vahoakeko ty
anagnao?' [30]Fa Yaveh, Zagnahare Israely, manao ty hoe:' Nampagnantegna Raho fa ty fokonao, vaho ty foko ty
razambeinao, le hindeha eo agnoloako zisikezay.' Nefa amizao kea le hoe Yaveh:' Sagnatria Amiko ty hanao zay, ty
magnomea hasy ahy ro hameako hasy, fa ze manao tsinontsino ahy kea ro hataoko tsinontsino.[31]Ingo, hoavy ty
andro ze handiliako ty herenao vaho ty here ty foko ty razambeinao, ka tsy hisy lahilahy ho tran-kahantera sase
amity fokonao. [32]Hahisake fijalea egne amize toera hitobohako riha. Na le amea soa aza ty Israely, le tsy hisy
lahilahy ho tran-kahantera sase amity fokonao. [33]Ty ilane aminareo ze tsy hafahako amity alitarako, le hataoko
poake ty masonareo, naho hahavy alahelo ty amity fiaignanareo raho. Reo lahilahy iaby ze terake ao amity
fokonareo le ho mate.[34]Zao ro famantara ho anao ze hahazo reo anagnao roe lahy amy Hofinia vaho Finehasa:
Sambe ho mate amity andro raike iereo roe. [35]Hananga mpisoro matoky ho ahy ty vatako ze handefe ty ao


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

ampoko vaho ty ao amity fagnahiko Raho. Hagnore tragno azo antoke ho aze Raho; naho hindeha eo agnoloa ty mpanjaka ze voahosoko zisikezay re.[36]Iaby ze sisa tavela amity fokonao le ho avy naho hihohoke eo amine, hangatake tsilam-bolafoty vaho mofo, naho hanao ty hoe:" Mba tendreo ho agnate ty raike amireo mpisoronao rie raho mba hahafahako mihina tsila-mofo raike.""



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

1Nanompo Yaveh teo amity fiatreha Ely ty Samoela kolo. Tsy ampe reo safa Yaveh tamireo andro reo; tsy le nisy
fahisaha ara-pamisavisa mateteke. 2Tamize andro zay, Ely, ze le fa nanomboke poake ty masone ka tsy mahisake
soa, le niroro teo ampandreane. 3Mboe tsy mate ty fanilon'Agnahare, naho niroro mba handre tao amity tempoly
Yaveh ty Samoela, tao amize nisy ty tomabilen'Agnahare. 4Yaveh nikaike Samoela, ze nanao hoe:" Intoy
raho."5Nilay mbaeo amy Ely ty Samoela nanao hoe:" Intoy raho, fa nikaike ahy riha." Hoe ty Ely:" Tsy nikaike anao
raho, miheregna miroro." Ka nindeha ty Samoela naho niroro. 6Nikaike ndraike Yaveh ty hoe:" Ry Samoela." Le
nitsanga ndraike ty Samoela nao nimbaeo amy Ely, nanao hoe:" Intoy raho, fa nikaike ahy riha." Le namale Ely
hoe:" Tsy nikaike anao raho, ty anako, miheregna miroro."7Naho Samoela le mboe tsy le nahay loatre Yaveh, na
nisy talily bakamy Yaveh mboe nambara tamine. 8Nikaike Samoela fagnintelone ndraike Yaveh. Nitsanga ndraike
Samoela naho nimbaeo amy Ely vaho nanao ty hoe:" Intoy raho, fa nikaike ahy riha." Le haigny Ely fa Yaveh ro
nikaike i ajalahy io.9Le hoe Ely tamy Samoela:" Mindehana naho miheregna miroro; laha mboe mikaike anao
ndraike Re, le tsy maintsy mirehake riha hoe:" Mirehafa, ry Yaveh, fa midranjy ty mpanomponao."' Ka nindeha
Samoela naho niroro tamity toerane ndraike.10Avy Yaveh ka nitsanga; nikaike manahake ty tamireo fotoa hafa
hoe:" Samoela, Samoela." Le hoe ty Samoela hoe:" Mirehafa, ry Yaveh, fa midranjy ty mpanomponao." 11Hoe
Yaveh tamy Samoela:" Ingo, hanao zaka amy Israely Raho ka ty sofy ze maharey iaby le haritsike.12Amize andro
zay le handefe ty zaka-iaby le fa nirehafeko tamy Ely momba ty fokone, hatramity voalohane ka hatramity farane
Raho. 13Nirehake tamine Raho fa hitsara ty fokone ndraike avao tsy mihere ty amireo andro ze haine, satria reo
anane le ninday ozo tamity vatagniereo naho tsy nanaka iereo Re. 14Laha zao le nifanta tamity foko Ely Raho fa
reo hadisoa o foko le tsy ho voa avake amity soro na fagnatetre zane."15Niroro zisike-maray ty Samoela; le
namoha ty varavara ty tragno Yaveh re. Fa natahotre ty hirehake tamy Ely momba ty fahisaha ty Samoela.
16Bakeo le nikaike i Samoela ty Ely ka nanao tamine hoe:" Ry Samoela, anako." Le hoe ty Samoela hoe:" Intoy
raho."17Hoe re:" Ino ro rehake rinehane taminao? Ko ahaja ahy rie zay. Hanao zay aminao anie ty Zagnahare,
naho mihoatre noho zay aza, laha magneta-draka amiko ty amireo rehake iaby ze nirehafene taminao riha." 18Le
rineha Samoela tamine ty zaka-iaby; tsy nagnaja na ino ino tamine re. Hoe ty Ely:" Re ro Yaveh. Engao Re hanao
ze mete hoe soa Amine."19Nihabey ty Samoela, naho Yaveh le niarake tamine, naho tsy nengane hisy tamireo
rehake famisavisane tsy ho lefe. 20Ty israely iaby zisikagne Dana ka hatragne Beri-sheba le nahay fa i Samoela le
voatendre ho mpaminane Yaveh. 21Niboake tao Silo ndraike Yaveh, satria nagnombara ty vatane tamity rehane
tamy Samoela tao Silo Re.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 4

[1]Niavy tamy Israely iaby ty reha Samoela. Naho niakatre hialy tamireo Filistina ty Israely. Nametrake tobe teo
Ebenezera iereo, naho nametrake tobe teo Afeka kea reo Filistina. [2]Nilahatre hialy tamity Israely reo Filistina.
Laha fa niele ty aly, le rese ty Filistina namono teo ho eo amity efatre arivo lahy teo amity baibon'aly t Israely.
[3]Laha fa nilitre tao antobe ty vahoake, le hoe reo olobey Israely hoe:" Nagnino Yaveh ro naharese antika teo
agnoloa reo Filistina tandroany? Ndao ho ententika bakagne Siloha hombatoy ty tomabile ty fagnenkea Yaveh,
mba hiarake amintika atoy zay, ka hiaro antika amity tagna reo fahavalontika." [4]Ka le nagnirake lahilahy
nimbaeo Siloha ty vahoake; bakagne ro nindaisa iereo ty tomabile fagnenkea Yaveh tompo ty maro, ty mitoboke
ambone ty Kerobima. Teo niarake tamity tomabile fagnenkean'Agnahare reo ana Ely roe lahy, le Hofinia vaho
Finehasa.[5]Laha fa nilitre tao antobe ty tomabile fagnenkea Yaveh, le niarake-nagnakatre korake mafe ty vahoake
Israely iaby, naho nameno ty tane. [6]Laha fa rey reo Filistina ty tabataba ty korake, le hoe iereo ty hoe:" Fa ino ro
anto ty tabataba mafe ao antobe Hebreo zao?" Bakeo le azo iereo andineke fa niavy tao antobe ty tomabile Yaveh.
[7]Natahotre reo Filistina; hoe iereo hoe:" Misy zagnahare niavy tao antobe." Hoe iereo ty hoe: [8]"Loza ho antika! Tsy
mboe nisy zaka niseho hoe zao taloha! Loza ho antika! Ia ro hiaro antika amity here reo zagnahare mahere reo?
Reo ro zagnahare ze nagnisy ty Egyptiana tamity loza maro isan-karazane tagne agnefetre. [9]Alao here, naho mba
milahilahia, nareo ry Filistina, tsy ne ho lasa ndevo ty Hebreo nareo, manahake ty naha-ndevonareo iereo. Mba
milahilahia, ka mialia."[10]Le nialy reo Filistina, naho rese ty Israely. Nilay tagne antragnone iaby ty lahilahy iaby,
naho mafe vatane ty vono; fa miaramila mitsanga telo ale bakamity Israely ro lavo. [11]Lasa ty tomabile Yaveh,
naho mate ty Hofnia vaho Finehasa, ana Ely roe lahy.[12]Nisy lahilahy Benjamina raike nilailay bakagne amity
laharan'aly ka nimbaeo Siloha tamio andro o avao, niavy niarake tamity akanjone rovitre vaho debon-tane teo
andohane. [13]Laha fa niavy re, le nitoboke teo amity sezane teo amoron-dala nijilo ty Ely satria nangorohoro ty
amity tomabilen'Agnahare ty arofone. Laha fa nilitre ty tana ty lahilahy naho nirehake ty vaovao, le nikorake
mafe ty tana iaby iaby.[14]Laha fa rey Ely ty korake, le hoe re ty hoe:" Ino ro dika ze koronta zao?" Niavy malaky ty
lahilahy naho nitalily tamy Ely. [15]Naho valo amby sivampolo tao ty Ely; poake ty masone, naho tsy nahisake re.
[16]Hoe ty lahilahy tamy Ely:" Zaho ty raike ze bakagne amity laharan'aly. Nilay ty aly raho androany." [17]Hoe Ely ty
hoe:" Nagnino ty findehane, anake?" Namale ty lahilahy ninday ty vaovao ka nanao hoe:" Nilay reo Filistina ty
Israely. Naho kea, nisy hareseam-bey teo amity vahoake. Naho kea, mate Hofinia vaho Finehasa, anagnao roe
lahy, naho lasa ty tomabilen'Agnahare."[18]Laha fa nanogno ty tomabilen'Agnahare re, le nidoboke nivalike bakeo
antsezene teo agnila ty vavahady ty Ely. Tampake ty vozone, ka mate re, satria le fa antetre vaho rerake. Nitsara
ty Israely zisike ty efapolo tao re.[19]Naho ty vinanto-vavene, valy Finehasa, le nibevoka naho le fa ho terake. Laha
fa naharey ty vaovao re fa lasa ty tomabilen'Agnahare naho mate ty rafozan-dahine vaho ty valine, le
nandohaleke re naho terake, feie nandavo aze ty fanaintay ty haterane. [20]Tokone ho tamity andro nifatezane le
nirehake tamine reo ampela niatreke aze hor:" Ko matahotre, fa niterake ajalahy riha." Feie tsy namale re na
nandrae ampo ze nirehafe iereo.[21]Kinaine hoe Ikaboda ty agnara ty kolo, fa hoe re ty hoe:" Afam-boninahitre
Israely!" fa lasa ty tomabilen'Agnahare, naho noho ty rafozan-dahine vaho ty valine kea. [22]Hoe re ty hoe:" Afam-
boninahitre Israely, satria lasa ty tomabilen'Agnahare."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 5

[1]Naho lasa reo Filistina ty tomabilen'Agnahare, ka niente iereo bakagne Ebenezera ho agne Asdoda zane. [2]Nalae
reo Filistina ty tomabilen'Agnahare, nientene tao antragno Dagona zay, naho natobone teo agnila Dagona. [3]Laha
fa nifoha maray reo vahoake Asdoda ty hamaray, le ingo, nitonta nihohoke tamity tane teo agnoloa ty tomabile
Yaveh ty tarehe Dagona. Ka le nalae iereo Dagona naho nampiakarene teo amity toerane ndraike.[4]Fa laha fa
nifoha maray iereo ty hamaray, le ingo, nitonta nihohoke tamity tane teo agnoloa ty tomabile Yaveh ty tarehe
Dagona. Ty loha Dagona vaho ty tagnane roe le tampake teo amity varavara. Ty vata Dagona avao ro sisa
nitoboke. [5]Laha zao, ro antone tsy handika reo mpisoro Dagona vaho ze ndaty militre ao antragno Dagona ty
varavara Dagona ao Asdoda, na zisikezao aza.[6]Ty tagna Yaveh le navesatre teo amireo vahoake Asdoda. Rinavane
vaho nampijalene tamity fivontoa iereo, i Asdoda vaho reo faritanene. [7]Laha fa tsapa ty ndaty Asdoda ze niseho,
le hoe iereo:"Ao tsy hijano eto aminay ty tomabilen'Agnahare Israely, satria ty tagnane le mandietre mafe anay
vaho Dagona zagnaharenay."[8]Ka le nampikaike iereo naho namory reo mpandily ty Filistina iaby; hoe iereo
tamine:" Ino ro tokone hataonay amity tomabile ty Zagnahare Israely?" Namale iereo hoe:" Ao ho ente hiotake
agne Gata ty tomabilen'Agnahare Israely." Ka niente iereo tagne ty tomabilen'Agnahare Israely. [9]Fa laha fa baka
niente iereo niotake zay, le nandietre ty tana ty tagna Yaveh, ka nahavy korontam-bey. Nampijale reo ndaty ty
tana Re, na kele na bey; ka niakatre tamiereo ty fivontoa.[10]Laha zao le nalefa iereo tagne Ekrona ty
tomabilen'Agnahare. Fa vatane vaho niavy tagne Ekrona ty tomabilen'Agnahare, le nikorake mafe reo Ekronita,
nanao ty hoe:" Ninday ty tomabilen'Agnahare Israely ho antika mba hamonoa antika vaho reo ndatintika
iereo."11 Ka nampikaike iereo naho namory reo mpandily ty Filistina iaby; hoe re tamiereo hoe:" Ampolio ty
tomabilen'Agnahare Israely, naho aheregno amity toerane avao, mba tsy hamonoa zao antika vaho reo
ndatintika." Fa nisy famorovoro nagnera ty tana; tena navesatre teo ty tagnan'Agnahare. [12]Reo ndaty ze tsy mate
le nampijale tamity fivontoa, naho ty faritane ty tana le niakatre nagneneke ty lagnitre.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 6

[1]Naho ty tomabile Yaveh le tao amity tana reo Filistina zisike ty fito vola. [2]Bakeo ty vahoake Filistina nikaike reo
mpisoro vaho reo Ombiasa; hoe re tamiereo ty hoe:"Ino ro tokone hataonay amity tomabile Yaveh?" Ambarao
anay ty fomba hagneregnanay zay agne amity firene zay arere."[3]Hoe reo mpisoro vaho reo Ombiasa hoe:" Laha
aherenao ty tomabile ty Zagnahare Israely, le ko ahere tsy miarake amity fagnomea zay; andefaso fagnatetre
noho ty heloke amity fomba iaby Re. Le ho afake nareo, naho ho hainareo ty antone tsy nagnafahane ty tagnane
taminareo zisikandroany." [4]Le hoe iereo ty hoe:" Tokone ho ino ty fagnatetre noho ty heloke ze aherenay amine?"
Namale iereo hoe:" Fivontoa volamena dime vaho totozim-bolamena dime, ty dime le isake mitovy amity isa reo
mpandily ty Filistina. Fa loza mitovy ro nampijale anareo vaho reo mpandilinareo.[5]Laha zao le tsy maintsy
manao sare ty fivontoanareo nareo, naho sare ty totozinareo ze mandrava ty tane, naho magnomea hasy ty
Zagnahare Israely. Asa mete hagnafake ty tagnane aminareo Re, amireo zagnaharenareo , naho amity tanenareo.
[6]Nagnino ro tokone hagnamafe ty arofonareo nareo, manahake ty nagnamafesa reo Egyptiana vaho Farao ty
arofo iereo? Zay le tamity nagnisia ty Zagnahare Israely mafe iereo; feie tsy nalefa reo Egyptiana vao ty vahoake,
naho lasa iereo?[7]Amizao are, magnomana sarete vaovao miarake amity agnombe vave mampinono roe ze mboe
tsy niasa vatane. Feheo amity sarete reo agnombe, feie ento moly reo anakagnombe, hiala amiereo. [8]Bakeo alao ty
tomabile Yaveh naho anovo ao agnate ty sarete zay. Atoboho agnate vata eo agnila zay ty saren-jaka volamena ze
aherenareo amine mba ho fagnatetre noho ty heloke. Le alefaso zay naho engao hindeha amity lalane. [9]Bakeo
henteo; laha miakatre agne amity lala mbaeo amity tanene arere agne Beti-semesy zay, le Yaveh ro nanao ze loza
bey zay. Fa laha tsy zay, le ho haintika fa tsy ty tagnane ro nampijale antika; fa kea, ho haintika fa niseho tsy
kinahy tamintika zay."[10]Reo lahilahy le nanao arake ze nirehafe tamiere; nangalake agnombe vave mampinono
roe iereo, namehe reo teo amity sarete, naho ninday ty anakagnombe tagne antragno. [11]Natobo iereo teo amity
sarete ty tomabile Yaveh, niarake tamity vata misy ty totozy volamena vaho ty sare ty fivontoa iereo. [12]Nindeha
nahity tagne amity lala mahazo agne Beti-semesy reo agnombe vave. Nindeha tamity lalam-bey raike reo,
nimama tegne ampindehana, naho tsy nivio na tagne ankavana na ankavia. Nagnorike iereo tagne amity sisy
Beti-semesy reo mpandily reo Filistina.[13]Naho nihaza ty vare iereo tegne ambaibo ty vahoake Beti-semesy. Laha fa
nagnakatre ty masone iereo ka nahisakety tomabile, le nifalefale.[14]Niavy tagne amity baibo Josoa bakagne amity
tana Beti-semesy ty sarete naho nijano tao. Nisy vato bey teo, ka namaky ty hetae tamity sarete iereo, naho
nanolotre reo agnombe vave mba ho fagnatetre oroa Yaveh. [15]Nazotro reo Levita ty tomabile Yaveh vaho ty vata
ze niarake tamizay, ze nisy reo sare volamena, naho natobone teo amity vato bey reo. Nanolotre fagnatetre oroa
vaho nanao soro ho ahy Yaveh ty andro io avao reo vahoake Beti-semesy.[16]Laha fa hisa reo manadily lime reo
Filistina zay, le nihere tagne Ekrona ty andro io avao iereo.[17]Toa iaby reo fivontoa volamena ze nahere reo
Filistina ho fagnatetre noho ty heloke ho ahy Yaveh: raike ho ahy Asdoda, raike ho ahy Gaza, raike ho ahy
Askelona, raike ho ahy Gata, naho raike ho ahy Ekrona. [18]Reo totozim-bolamena le nitovy isake tamity isa reo tana
reo Filistina iaby ze ahy reo mpandily dime, le reo tana manda vaho reo ana-bohitse ty tana. Ty vato bey, teo
agnila ty nametraha iereo ty tomabile Yaveh, le mitoetre ho vavolombelo raike ao amity baibo Josoa Beti-semesita
zisikandroany.[19]Nagnisy ty ilane tamireo vahoake Beti-semesy Yaveh satria nanente tao agnate ty tomabile Yaveh
iereo. Namono lahilahy 50.070 Re. Nandala ty vahoake, satria nagnisy mafe ty vahoake Yaveh. [20]Hoe reo vahoake
Beti-semesy hoe:" Ia ro afake hitsanga magnoloa Yaveh, ty Zagnahare masy toy? Ho aminia ro iakara ty tomabile
bakatoy amintika?"[21]Nagnirake mpinday talily tagne amireo vahoake Kiriata-Jearima iereo, nanao hoe:" Niente
reo Filistina nihere ty tomabile Yaveh; mizotro naho ento mihere miarake aminareo zay."

Chapter 7

[1]Avy ty ndaty Kitiata-Jearima, nangalake ty tomabile Yaveh, naho ninday zay tao antragno Abinadaba tagne amity
tazoa. Nanonka Eleazara anadahine iereo mba hiambe ty tomabile Yaveh. [2]Nanomboke tamity andro ze nitoboha
ty tomabile tao Kiriata Jearima, le tao maro ro lasa, roapolo tao. Ty foko Israely iaby le nalahelo Yaveh ka nagniry
hihere amy Yaveh.[3]Hoe Samoela tamity foko Israely iaby hoe:" Laha mihere amy Yaveh amity arofonareo iaby
nareo, le afaho eo aminareo reo zagnaharen-kafa vaho reo Astarta, atoliho amy Yaveh ty arofonareo, naho Re
arere avao ro tompoe, le hamonje anareo eo antagna reo Filistina Re." [4]Le nagnafake reo Bala vaho ty Astarta ty
vahoake Israely, naho nanompo Yaveh arere avao.[5]Naho hoe Samoela ty hoe:" Andeso ho agne Mizpa ty Israely
iaby, le hivavake amy Yaveh ho anareo raho." [6]Nivory tao Mizpa iereo, naho nanovy rano ka nagnily zay teo
agnoloa Yaveh. Nifaly hane iereo tamize andro zay ka nanao ty hoe:" Le fa nanonta tamy Yaveh tika." Tagne ro
nandilia Samoela hevetre hitsara ty fifandiera ty vahoake Israely vaho nindaisane aze.[7]Naho laha fa rey reo
Filistina fa nivory tao Mizpa ty vahoake Israely, le nanafike ty Israely reo mpandily ty Filistina. Laha naharey zay
ty vahoake Israely, le natahotre reo Filistina iereo. [8]Naho hoe reo vahoake Israely tamy Samoela:" Ko mijano
mikaike Yaveh Zagnaharentika ho antika, fa hagnavotre antika eo antagna reo Filistina Re."[9]Le nangalake
anakagnondry mboe minono ty Samoela naho nagnomea zay iaby mba ho fagnatetre oroa ho ahy Yaveh. Naho
nikaike mafe Yaveh ho ahy ty Israely ty Samoela, ka namale aze Yaveh.[10]Naho laha mboe nanese ty fagnatetre
oroa Samoela, le namonje hanafike ty Israely reo Filistina, Fa Yaveh nampiavy ora tamity feo mafe tamize andro
zay handietre reo Filistina ka nampifandroboke iereo, naho rese teo agnoloa ty Israely iereo. [11]Naho ty lahilahy
Israely niala bakagne Mizpa, le nagnia ty Filistina ka namono iereo madram-piaviane teo ambanegny Betikara.
[12]Bakeo le nangalake vato Samoela naho nametrake zay teo agnivo Mizpa vaho Sena. Nataone hoe Ebenezera ty
agnara zay, manao hoe:" Hatramizao ro namonjea Yaveh antika."[13]Le rese reo Filistina ka tsy nilitre teo amity fari-
tane ty Israely. Ty tagna Yaveh nandietre reo Filistina tamity andro Samoela iaby. [14]Reo tana ze nalae reo Filistina
tamity Israely le tafimpoly tamy Israely, zisikagne Ekrona ka hatragne Gata; nihere tamity Israely ka ty faritane ty
tane amireo Filistina. Le nisy filongoa teo amity Israely vaho ty Amorita.[15]Nitsara ty Israely zisike ty androm-
piaignane iaby ty Samoela. [16]Isan-tao le nindeha niveze-veze tagne Betela, Gilgala, naho Mizpa re. Nanampan-
kevetre tamity aly ho ahy Israely teo amireo toera iaby reo re. [17]Naho nihere tagne Rama ndraike re. Satria tagne
ty tragnone; naho tagne avao kea ro nanampahane hevetre tamity aly ho ahy ty Israely. Nagnore alitara ho ahy
Yaveh tagne avao kea re.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 8

[1]Laha fa antetre ty Samoela, le nataone ho mpitsara eo amity Israely reo anadahine. [2]Joela ro agnara ty anadahine
voalohane, naho Abia ro agnara ty anadahine faharoe. Mpitsara tao Beri-sheba iereo. [3]Tsy nindeha tamity lalane
reo anadahine, fa nipay fiharea tsy mare. Nandrae vandevande iereo naho namadike ty raene.[4]Le niarake-nivory
reo olobey Israely iaby naho niavy teo amy Samoela tao Rama. [5]Hoe iereo tamine:" Ingo, antetre riha, naho tsy
mindeha amity lalanao reo anagnao. Manendrea mpanjaka ho anay mba hitsara anay manahake reo firene
iaby."[6]Nefa tsy nitea Samoela zay laha nirehake iereo hoe:" Ameo mpanjaka zahay mba hitsara anay." Ka
nivavake tamy Yaveh ty Samoela. [7]Hoe Yaveh tamy Samoela hoe:" Ekeno ty feo ty vahoake amity zaka iaby rehafe
iereo aminao; fa tsy riha ro niliere iereo, fa zaho ro nilierene tsy ho mpanjaka iereo.[8]Amizao iereo le manao hoe
ze nataone hatramity andro nindaisako iereo niakatre bakao Egypta, nahafoe Ahy, naho nanompo reo
zagnaharen-kafa, naho hoe zay kea ro atao iereo aminao. [9]Amizao dranjigno iereo; nefa ampiambeno mafe ka
ampahaio ty fomba handilia ty mpanjaka amiereo eo."[10]Ka le rineha Samoela tamity vahoake ze nangatake
mpanjaka reo safa Yaveh iaby. [11]Hoe re:" Zaho ro ho fatao ty mpanjaka ze hanjaka eo aminareo. Hangalake reo
anadahinareo re ka hanendre iereo ho ahy ty Kalesene vaho ho lasa mpitiki-tsoavalene, naho hilailay eo agnoloa
reo kalesene. [12]Hanendre kapitene ty miaramila agnarivone, naho kapitene ty miaramila dimampolo ho aze re.
Hataone miasa ty tanene ty ilane, mihaza ty vokane ty ilane, naho hanao ty zaka-fialiane vaho ty zaka ho ahy reo
kalesene ty ilane.[13]Reo anagnareo vave avao kea le nataone mpagnaroharo zaka-magnitre, mpahandro, naho
mpanao mofo. [14]Halaene ty soa vatane bakamity baibonareo, reo tanem-boalobognareo, naho reo tanen'oliva
nareo, ka hameane reo mpanompone. [15]Halaene ty ampahafolo ty varenareo vaho ty bakamireo tanem-
boalobonareo ka hameane reo manam-pahefane vaho reo mpanompone.[16]Halaene reo mpanomponareo lahy
vaho reo mpanomponareo vave naho ty soa vatane amireo ajalahinareo vaho reo borikinareo; hataone hiasa ho
aze ie iaby. [17]Halaene ty ampahafolo reo agnondry aman'osenareo, ka ho lasa ndevone nareo. [18]Ka amize andro
zay le hitaray noho ty mpanjakanareo ze finilinareo ho ahy ty vatanareo nareo; feie tsy hamale anareo Yaveh
amize andro zay."[19]Kanefa nilietre ty hidranjy Samoela ty vahoake; hoe iereo:" Aha! Tokone hisy mpanjaka eto
aminay [20]mba hitovianay amireo firene hafa iaby, naho mba hitsara ty mpanjakanay anay vaho hiakarane eo
agnoloanay ka hialy ty alinay."[21]Lafa fa rey Samoela reo reha ty vahoake iaby le naherene teo antsofy Yaveh zay.
[22]Hoe Yaveh tamy Samoela :" Enkeno ty feo iereo naho anovo lasa mpanjaka iereo ty ndaty raike." Ka hoe Samoela
tamireo ndaty Israely:" Tsy maintsy mindeha agne amity tanane iaby ty lahilahy kirai-kiraike."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 9

1Nisy lahilahy bakagne Benjamina, lahilahy ambone raike. Ty agnarane le Kisy anadahy Abiela anadahy Zerora
anadahy Bekorata anadahy Afia, ty anadahy Benjamita raike. 2Nanagnanake lahy natao hoe Saoly re, ajalahy soa
tarehe raike. Tsy mboe nisy ndaty soa tarehe noho re teo amity ndaty Israely. Manomboke eo amireo sorone ro
ho miakatre le lava noho ty ndaty iaby re.3Naho reo ampondra Kisy, rae Saoly, le robake. Ka nirehake tamy Saoly
anane ty Kisy nanao hoe:" Mangala raike amireo manompo hiarake aminao, mitsangana naho mindehana mipay
reo ampondra." 4Ka le namakivaky ty tane tazoa Efraima ty Saoly naho nindeha tamity tane ty Salisa, fa tsy hisa
iereo zay. Naho namakivaky ty tane Salima iereo, nefa tsy tagne iereo. Bakeo le namakivaky ty tane reo
Benjamita iereo, fa tsy nahisake reo.5Lafa fa niavy teo amity tane Zofa iereo, le nirehake tamity mpanompone ze
niarake tamine ty Saoly hoe:" Andao, hindeha tika hihere, fa mete tsy hagnahy ty amireo ampondra sase ty raeko
fa hanomboke hisalasala ty momba antika." 6Fa hoe ty mpanompo tamine hoe:" Dranjigno, misy
lahilahin'Agnahare amity tana toy. Re le lahilahy nameam-boninahitre; iaby ze rehafene le lefe vatane iaby.
Andao tika ho agne; mate ho afake hirehake amintika ze lala tokone hombantika amity liantika re."7Le hoe Saoly
tamity mpanompone hoe:" Fa laha mindeha tika, ino ro afake ententika ho ahy ty lahilahy? Ty mofo agnate
kitapontika le fa lany, naho tsy misy fagnomea mba ho entetika ho ahy ty lahilahin'Agnahare. Ino ro
hanagnantika?" 8Ty mpanompo namale Saoly ka nanao ty hoe:" Ingo, zaho mana ampahaefatre ty sekele volafoty
ze hameako ty lahilahin'Agnahare, mba hirehafa amintika ze lala tokone hombantika."9(Taloha tagne Israely, laha
fa misy lahilahy mindeha mipay ty fahaia ty sitrapon'Agnahare, le mirehake re hoe:" Andao, hindeha tika ho agne
amity mpahisake." Fa mpahisake ro fikaiha taloha ty atao ty hoe mpaminane amizao.) 10Bakeo le nirehake tamity
mpanompone Saoly hoe:" Soa ty rehanao. Andao, hindeha tika." Le lasa iereo nimbaeo amity tana ze nisy ty
lahilahin'Agnahare. 11Naho laha fa niakatre ty tazoatao antana iereo, le nahisake reo ajampela niakatre hitaon-
drano; le hoe Saoly vaho ty mpanompone tamiereo hoe:"Eto vao iaze mpahisake ey?"12Namale iereo, ka nanao
hoe:" ingo, ao aloha kelenareo ao avao re. Malaky, fa ho avy eo antana re androany, satria hanao soro eo amity
toera agnabo ty vahoake androany. 13Laha vatane vaho militre ty tana nareo le hahisake aze, aloha ty hiakarane
amity toera agnabo hihinanane. Tsy hihina ty vahoake mandram-piavine, satria re ro hitso-drano ty soro;
afarazay le hihina reo ze hinafatre. Ka miarake zao, fa hahisake aze amizay nareo."14Le niakatre ho agne amity
tana iereo. Naho laha vaho nilitre ty tana iereo, le nahisake Samoela niseho tamine, mba hindeha hiakatre agne
amity toera agnabo.15Naho ty andro taloha ty nahavia Saoly, le nagnombara tamy Samoela Yaveh hoe:
16"Hamaray amizao lera zao le handefa lahilahy raike bakamity tane Benjamina aminao Raho, naho hagnosotre
aze ho roandria eo amity Israely vahoakeko riha. Hamonje ty vahoakeko amity tagna reo Filistina re. Fa le fa
nanente ty vahoakeko tamity fiferenay raho satria nipay vonje iereo le niavy tamiko atoy."17Laha fa hisa Samoela
ty Saoly, le nirehake tamine Yaveh hoe:" Inty ty lahilahy nambarako anao! Re ty ndaty ze handily ty vahoakeko."
18Bakeo ty Saoly le namonje Samoela teo amity vavahady naho nanao ty hoe:" Mba ambarao ahy hoe aia ro misy
ty tragno ty mpahisake?" 19Namale Saoly ty Samoela nanao ty hoe:" Zaho ty mpahisake. Miakara ho amity toera
agnabo alohako, fa androany le hiara-mihina amiko riha. Engako hindeha riha amity maray, naho hambarako
anao iaby ze ao andohanao.20Laha ty amireo ampondranao ze robake telo andro zay, le ko matahotre ty amizay, le
ko matahotre ty amizay, fa le fa hisake zay. Naho natoboke taminia reo tomabile Israely iaby? Tsy ho aminao
vaho ho amity fokon-draenao iaby vao?" 21Namale Saoly ka nanao hoe:" Fa tsy Benjamita vao raho, bakamity foko
kele Israely? Tsy ty fokoko vao ro farane vatane amireo foko iaby ao amity foko Benjamina? Ka nagnino ro ze
fomba zay ro nirahafanao tamiko?"22Naho rinae Samoela ty Saoly vaho ty mpanompone, ka nientene tagne
agnefetragno, naho natobone teo amity fitoeram-boalohane ho ahy ze hinafatre iereo, ze tokone ho ndaty
telopolo teo ho eo.23Hoe Samoela tamity mpahandro hoe:" Ento ty anjara ze nameako anao, ze rinehako taminao
hoe, Atokano toy."' 24Ka nalae ty mpahandro ty fe vaho ze teo amine naho natoboneteo agnoloa Saoly. Naho hoe
Samoela ty hoe:" Ingo ze voatoka le fa natoboke teo agnoloanao. Hano io, satria voatoka ho anao mandram-
pihavia ty andro voatendre, tamity andro nirehafako hoe, Le fa nagnafatre ty ndaty raho."' Le niara-nihina tamy
Samoela ty Saoly tamio andro o.25Laha fa tafizotro tagne amity toera agnabo ho amity tana iereo, le nirehake
tamy Saoly teo ambone tragno ty Samoela. 26Naho vaho magneno-akoho, le nikaiky Saoly teo ambone tragno ty
Samoela ka nanao ty hoe:" Miaregna, mba hahafahako mandefa anao agne amity lalanao." Le nifoha ty Saoly,
naho sambe nindeha niakatre ho egne andala re vaho Samoela.27Naho laha fa nindeha magnodidy ty tana iereo,
le hoe Samoela tamy Saoly:" Ambarao ty mpanompo mba hindeha alohantika"__le nindeha taloha re__"fa tsy
maintsy mijano eto andro kele riha, mba hirehafako aminao ty hafan'Agnahare."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Le nangalake ty tavoara misy diloilo Samoela, nagnily zay teo ambone loha Saoly, naho nagnoroke aze. Hoe re ty
hoe:" Feie vao Yaveh tsy le fa nagnosotre anao ho mpandily ty lovane? [2]Laha fa hiala ahy riha androany, le
hahisake lahilahy roe agnila ty kibory Rahely, ao amity faritane Benjamina ao Zelza. Hirehake aminao iereo hoe:'
Reo borike ze pinainao le fa hisake. Amizao ty razambeinao le nijano tsy hisalasala ty amireo borike naho le
misalasala ty momba anao, manao ty hoe:" Ino ro tokone hataoko mikasike ty anadahiko?"'[3]Le hindeha
lavidavitre kea bakagne riha, naho hoavy eo amity hetae terenbita Tabara. Hifanoje amity lahilahy telo mindeha
ho agne amin'Agnahare agne Betela riha, ty raike minday anak'ose telo, ty hafa minday mofo telo, naho ty hafa
minday sinin-divay holitre. [4]Hanalama anao iereo naho hagnomea mofo ro anao, ze halaenao bakeo antagna
iereo.[5]Afara zay, le hihere ho eo amity tazoan'Agnahare riha, ty misy ty miaramila ty Filistina. Laha fa avy ao
amity tana riha, le hifanoje amity paminane hizotro bakagne amity toera agnabo miarake amity lokanga,
amponga tampake, sody, naho valiha eo agnoloa iereo; haminane iereo. [6]Ty fagnahy Yaveh hipoke eo aminao,
naho haminane miarake amiereo riha, ka hiova ho lahilahy hafa.[7]Naho laha fa avy aminao reo famantara reo, le
anovo iaby ze hisa ty tagnanao fa tokone hatao, satria ty Zagnahare momba anao. [8]Mizotroa eo alohako ho agne
Gilgala. Le hizotro agne aminao raho hanolotre reo fagnatetre oroa naho hanao soro fagnate-pilongoa.
Mandignasa fito andro madram-pindehanako ho eo aminao naho hanoroako aminao ze tokone hataonao."[9]Laha
fa nitoli-dambosy hienga Samoela ty Saoly, le namean'Agnahare aze ty arofo vaovao. Le niavy reo famantara iaby
reo tamize andro zay. [10]Laha fa avy tegne amity tazoa iereo, le nisy mpaminane nifanoje tamine, naho ty
fagnahin'Agnahare nizotro teo amine ka naminane niarake tamiereo re.[11]Laha fa nahisake aze niarake tamireo
mpaminane ty ndaty iaby ze nahay aze taloha, le nifampirehake ty ndaty ty hoe:" Ino ro hahazo ty anadahy Kisy?
Te mba agnate ty raike amireo mpaminane kea vao ty Saoly? [12]Nisy lahilahy nitoboke teo amio toera ao namale
hoe:" Le ia ro rae iereo?" Laha zao, le lasa firehake ty hoe:" Agnate reo mpaminane avao kea vao ty Saoly?" [13]Laha
fa nahavita ty faminania re le nimbaeo amity fitoera agnabo.[14]Le hoe ty dadatoa Saoly tamine vaho ty
mpanompone hoe:" Taia ro niombanareo?" Namale re hoe:" Nipay reo borike. Laha fa hisanay fa tsy nimete
hisake reo, le nimbaeo amy Samoela zahay." [15]Hoe ty dadatoa Saoly hoe:" Mba rehafo amiko rie ze nirefafe
Samoela taminareo." [16]Namale ty rahalahin-draene Saoly hoe:" Nirehake taminay mazava soa re fa le fa hisake
reo borike." Fa tsy nirehake tamine ty momba ty rehake fanjaka, ze le fa nirehafe Samoela re.[17]Le kinay Samoela
hiarake teo agnoloa Yaveh tao Mizpa reo vahoake. [18]Hoe re tamireo ndaty Israely hoe:" Zao ro zaka nirehafe
Yaveh, Zagnahare Israely:' Nagnakatre ty Israely hiala bakao Egypta Raho naho nagnavotre anareo teo amity
tagna reo Egyptiana, naho tamity tagna reo fanjaka iaby ze nampijale anareo.' [19]Fa amizao nilietre ty
Zagnaharenareo, ze nagnavotre anareo tamireo loza vaho fijaleanareo iaby nareo; naho nirehake tamine nareo
hoe:' Mametraha mpanjaka eo aminay.' Amizao atoloro eo agnoloa Yaveh arake reo fokonareo vaho reo
vondronareo ty vatanareo."[20]Le niharine Samoela reo foko Israely iaby, naho ty foko Benjamina ro voafily. [21]Bakeo
le nientene niharine ty vondro iereo ty foko Benjamina; naho ty foko Matrita ro voafily, naho Saoly anadahy Kisy
le voafily. Fa laga fa nindeha nipay aze iereo, le tsy nimete hisake re.[22]Naho ty ndaty le te-hametram-pagnotanea
beibey kea tamin'Agnahare ty hoe:" Mboe misy lahilahy hafa hoavy vao?" Yaveh namale hoe:" Nagnaja ty vatane
eo amireo enta re." [23]Le nilay iereo naho nangalake Saoly bakao. Laha fa nitsanga teo amireo ndaty re, le lava
mihoatre ty ndaty iaby bakeo antsorone naho ambone re.[24]Le hoe Samoela tamireo ndaty hoe:" Hisanareo vao ty
lahilahy ze le fa voafily Yaveh? Tsy misy ndaty manahake aze eo amity vahoake iaby!" Ty ndaty iaby nikaike ty
hoe:" Ho ela velo ty mpanjaka!"[25]Le nirehake tamity vahoake reo fomba vaho reo fotsipeke ty fanjaka ty Samoela,
nanoratre reo tao agnate boke, naho nametrake zay teo agnoloa Yaveh. Bakeo le nalefa Samoela ty vahoake iaby,
ho agne amity tragnone iaby.[26]Noly tagne antragnone tao Gibea avao kea ty Saoly, naho niarake tamireo lahilahy
mafe ilane, ze kinasan'Agnahare ty arofone. [27]Fa ty ilane tamireo ndaty tsy misy dikane nanao hoe:" Ino ro
hahafaha lahilahy io magnavotre anay?" Nagnaraty Saoly reo ndaty reo naho tsy mba ninday fagnomea ho aze.
Fa nitsy kea ty Saoly.

## Chapter 11

[1]Bakeo Nahasy Amonita nindeha naho nitobe tagne Jabesi-Gileada. Hoe ty ndaty Jabesy iaby tamy Nahasy hoe:"
Manova fagnenkea miarake aminay, le hanompo anareo zahay." [2]Le namale ty Nahasy Amonita hoe:" Amize lily
zao ro hanovako fifagnenkea aminareo, le ty hitsoborako ty maso ankavananareo iaby, naho zay ro fomba
hindaisa fahafaham-baraka eo amy Israely iaby."[3]Naho ty olobey Jabesy namale aze hoe:" Engao arere zisike ty
fito andro zahay, mba hahafahanay mandefa irake mbaeo amity fari-tane Israely iaby. Naho, laha tsy misy na
raike aza hamonje anay, le hanolo-bata aminareo zahay."[4]Le niavy tagne Gibea, ty nitoboha Saoly reo irake, naho
nirehake ze zaka-niseho tamity vahoake. Le nitagny mafe ty vahoake iaby. [5]Naho nagnorike reo agnombe bakao
ambaibo Saoly. Hoe ty Saoly:" Ino ro mahazo reo vahoake ka mampitagny iereo?" Le rineha iereo tamy Saoly ze
nirehafe ty lahilahy Jabesy.[6]Laha fa rey Saoly ze nirehafe iereo, le nipoke teo amine ty fagnahin'Agnahare, ka
meloke vatane re. [7]Nangalake jokan'agnombe raike re, ka tinampantampane, naho nalefane nagnera ty Israely
iaby niarake tamireo irake reo. Hoe re:" Iaby ze tsy hiakatre hagnorike Saoly vaho Samoela, le hoe rey ro hanova
ty agnombene." Naho nipoke tamity vahoake ty horohoro Yaveh, ka niarake-niakatre manahake ty ndaty raike
iereo. [8]Laha fa namory iereo tagne Bezeka re, le nisy telo-hetse ty vahoake Israely, naho ty ndaty Joda le telo ale.
[9]Hoe iereo tamireo irake ze niavy:" Hirehake amity ndaty Jabesi-Gileada nareo ty hoe:' Hamaray, amity andro
mahamay ty andro, le ho voavonje nareo." Ka nindeha reo irake naho nirehake tamity ndaty Jabesy, naho fale
iereo. [10]Le hoe ty ndaty Jabesy tamy Nahasy:" Hanolo-bata aminao zahay hamaray, le afake ataonao aminay ze
hisanao fa mete aminao."[11]Ty hamaraigne le natobo Saoly tao agnate vondrogna telo ty vahoake. Le nimbaeo
agnivo ty tobe tamity fiambena mare iereo, naho nanafike iereo ka naharese reo Amonita madram-pahamay ty
andro. Reo ze mboe velo naele, mba tsy hisia ty roe hiarake-tavela.[12]Le hoe ty vahoake tamy Samoela:" Ia ty
nirehake ty hoe:' Hanjaka eto amintika vao ty Saoly?' Ento ndaty reo, mba hahafahantika mamono iereo." [13]Fa hoe
ty Saoly:" Ao mba tsy hisy homate na raike aza amity andro toy, satria nagnavotre Israely Yaveh
androany."[14]Bakeo le hoe Samoela tamity vahoake:" Andao, hindeha tika hindeha agne Gilgala naho hagnavao ty
fanjaka agne ndraike." [15]Ka nindeha tagne Gilgala ty vahoake iaby naho nanao Saoly ho mpanjaka teo agnoloa
Yaveh tagne Gilgala. Tagne ro nanova iereo soro fagnatem-pilongoa teo agnoloa Yaveh, naho saoly vaho reo
lahilahy Israely le lako hafalea vatane.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 12

[1]Hoe ty Samoela tamity Israely iaby:" Le fa nidranjy ty zaka iaby rinehanareo tamiko raho, naho le fa nanendre
mpanjaka teo aminareo. [2]Amizao, ingo mindeha eo agnoloanareo ty mpanjaka; naho le fa antetre vaho foty volo
raho, naho, reo anako le aminareo eo. Le fa nindeha teo agnoloanareo hatramity hakeleako ka zisikezao raho.
[3]Toy raho, mitsangana vavolombelo handietre ahy eo agnoloa Yaveh vaho eo agnoloa ty voahosone. Agnombe nia
ro le fa nalaeko? Ampondrania ro le fa nalaeko? Ia ro le fa vinerevereko? Ia ro le fa nampijaleko? Bakamity tagna
nia ro le fa nandraesako kolikoly mba hanampe ty masoko? Mitsangana vavolombelo handietre ahy, fa hahereko
aminareo zay."[4]Hoe iereo hoe:" Tsy namitake anay riha, tsy nampijale anay, na nangalake na ino ino bakeo
antagna ty ndaty." [5]Le hoe re tamiereo ty hoe:" Yaveh ro vavolombelo aminareo, naho ty voahosone ro
vavolombelo androany, fa tsy nahisake na ino ino teo antagnako nareo." Iereo namale ty hoe:" Yaveh ro
vavolombelo."[6]Hoe Samoela tamireo vahoake hoe:" Yaveh ro nanendre Mosesy vaho Arona, naho ninday ty
razambeinareo niakatre bakao, amity tane Egypta. [7]Ka amizao, atoloro ty vatagnareo, mba hahafahako
mifandahatre aminareo eo agnoloa Yaveh mikasike reo asa mare Yaveh, ze nataone hoanareo vaho ty
razambeinareo[8]Laha fa niavy tagne Egypta ty Jakoba, naho nitaray tamy Yaveh reo razambeinareo, le nandefa
Mosesy vaho arona Yaveh, ze nitarike reo razambeinareo hiakatre Egypta naho nitoboke tamity toera toy iereo.
[9]Fa iereo nagnaligno Yaveh Zagnaharene; ka nivarotre iereo teo antagna Sisera, mpitarike reo tafike Hazora re,
teo antagna reo Filistina, naho teo antagna ty mpanjaka Moaba, iaby reo ro nialy tamity razambeinareo.[10]Nitaray
tamy Yaveh iereo naho nanao ty hoe:' Le fa nanonta zahay, satria nahafoe Yaveh naho le fa nanompo reo Bala
vaho reo Astarta. Fa amizao, magnafaha anay eo antagna reo fahavalonay, le hanompo anao zahay.' [11]Laha zao le
nagnirake Jerobala, Bedana, Jefta, naho Samoela ty Yaveh, naho nagnomea fandresea anareo teo amireo
fahavalonareo iaby magnodidy anareo, ka nahafahanareo nivelo-ampilamina.[12]Laha fa hisanareo fa avy
handietre anareo ty Nahasa mpanjaka ty vahoake Amona, le hoe nareo tamiko hoe:' Aha! Fa kea, ho mpanjaka
kea ro hanjaka eto aminay'__kanefa Yaveh Zagnaharenareo, ro mpanjakanareo. [13]Ingo amizao ty mpanjaka ze
finily nareo, ze nangatahenareo, naho ze tinendre Yaveh ho mpanjaka aminareo eo androany.[14]Laha matahotre
Yaveh nareo, le manompoa aze, enkeno ty feone, naho ko mavande handietre ty lily Yaveh, naho sambe ho
mpagnorike Yaveh Zagnaharenareo nareo vaho ty mpanjaka ze manjaka aminareo eo. [15]Fa laha tsy magnenke ty
feo Yaveh nareo, fa mavande mandietre reo lily Yaveh, le hagnisy anareo ty tagna Yaveh, manahake ty nagnisia
reo razambeinareo.[16]Ka mitsangana amizao naho henteo ze zaka foloay ty hatao Yaveh eto amasonareo zao. [17]Feie
vao tsy androm-pihaza vare tritrike zao? Hikaike Yaveh raho, mba handefasane hotrok'ora. Le ho hainareo vaho
ho hisanareo fa bey ty haratiam-pagnahinareo, ze nataonareo teo amaso Yaveh, tamity alala ty fangatahanareo
mpanjaka." [18]Ka le nikaike Yaveh ty Samoela; naho tamize andro zay avao le nandefa oram-baratre Yaveh. Naho
le natahotre mafe Yaveh vaho Samoela ty vahoake iaby.[19]Le hoe reo vahoake iaby tamy Samoela hoe:" Mivavaha
ho ahy reo mapanomponao amy Yaveh Zagnaharenao, mba tsy ho mate zahay. Satria le fa nagnampe ty
hadisoanay iaby tamize zaka-raty zao tamity alala ty fangataha mpanjaka zahay." [20]Le namale Samoela hoe:" Ko
matahotre. Le fa nanao ze raty iaby zao nareo, kanefa ko miala amy Yaveh, fa manompoa Yaveh amity
arofonareo iaby. [21]Ko mivio magnorike reo zaka-foa ze tsy mahasoa na mahavonje anareo, satria le tsy misy ipaia
aze eo.[22]Fa noho ty agnarane bey, le tsy hilietse ty ndatine Yaveh, satria mahafale Yaveh ty hanao anareo ho
vahoakene. [23]Laha ty amiko, le sagnatriaveko ty hanonta amy Yaveh amity fijanogna ty hivavake ho anareo. Fa
kea hagnanatre anareo ty lala ze soa vaho mare raho.[24]Yaveh avao ro atahoro naho manompoa Aze amity fahitia
amity arofonareo iaby. Hevero reo zaka-foloay ze le fa nataone taminareo. [25]Fa laha mikiry ty hanao raty nareo, le
sambe ho rava nareo vaho ty mpanjakanareo."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 13

[1]Telopolo tao ty Saoly ro nanomboke nanjaka; laha fa nanjaka efapolo tao teo amy Israely re, [2]le nagnisy lahilahy
telo arivo teo amy Israely. Roe arivo ro niraike tamine tagne Mikmasy vaho tagne amity tazoa ty tana Betela, laha
ty arivo kea niarake tamy Jonatana tagne Gibea Benjamina. Reo miaramila sisa tavela le nalefane noly, ty lahilahy
kirai-kiraike sambe ho agne antragnone iaby.[3]Naharese ty tobe miaramila Filistina ty Jonatana ze tagne Geba
naho naharey zay reo Filistina. Le nitioke trompetra nagnera ty tane iaby ty Saoly, nanao ty hoe:" Ao haharey reo
Hebreo." [4]Rey ty Israely iaby fa Saoly le naharese ty miaramila ty Filistina, naho ty Israely avao kea le lasa fofo lo
ho ahy reo Filistina. Naho reo miaramila le nampikaihe hiharo hagnorike Saoly agne Gilgala.[5]Niara-nivory reo
Filistina mba hialy handietse ty Israely: Kalese telo arivo, lahilahy enegnarivo hinday reo kalese, naho vondro
maro agnisa hoe ty faseke egne amoron-driake. Niakatre iereo naho nitobe tagne Mikmasy, antignana Betavena.
[6]Laha fa hisa reo lahilahy Israely fa nisavoritake iereo__fa ore ty vahoake, le nihaja tao amireo zahy, tao amity
ala, tao amireo haram-bato, tao amity famorian-drano, naho tao agnate lavake ty vahoake. Ty ilane tamireo
Hebreo nitsake tagne Jordana ho agne amity tane Gada vaho Gileada. Fa Saoly kea mboe tagne Gilgala, naho ty
vahoake iaby nagnorike aze tamin-tahotse.[8]Niambe zisike ty fito andro re, ty andro ze namea Samoela. Fa
Samoela tsy niavy tagne Gilgala, naho ty vahoake le nizara niala teo amy Saoly. [9]Hoe ty Saoly:" Ento amiko atoy ty
fagnatetre oroa vaho ty fagnate-pilongoa." Le natolone ty fagnatetre oroa. [10]Vatane vaho natolone ty fagnatetre
oroa le niavy ty Samoela. Niakatre nanalaka vaho nanalama aze ty Saoly.[11]Naho hoe ty Samoela:" Ino ty
nataonao?" Namale ty Saoly hoe :" Laha fa hisako fa niala tamiko ty vahoake, naho tsy niavy tamiko eto tamity
andro namea riha, naho reo Filistina le fa nivory tagne Mikmasy, [12]le hoe raho ty hoe:' Amizao reo Filistina le
hizotro handietre ahy ao Gilgala, naho zaho tsy nipay ty fagnenkea Yaveh.' Ka nanere ty vatako hanolotre ty
fagnatetre oroa raho."[13]Naho hoe Samoela tamy Saoly:" Nanao hagegea riha. Tsy niambe ty lily Yaveh
Zagnaharenao ty nameane anao riha. Fa tamizay ro nametraha Yaveh ty fandilianao eo amy Israely zisikezay. [14]Fa
amizao le tsy hitohy ty fandilianao. Nipay lahilahy raike arake ty arofone avao ty Yaveh, naho Yaveh nanendre
aze ho roandria eo amity vahoakene, satria tsy nagnenke ze nandiliane anao riha."[15]Bakeo le nindeha ty Samoela
ka niakatre bakagne Gilgala ho agne Gibea ty Benjamina. Naho Saoly nagnisake ty vahoake ze niavy niarake
tamine eo, teo amity enen-jato lahy teo. [16]Saoly, Jonatana anadahine, naho ty vahoake ze niavy niarake tamiereo,
le nitoboke tao Gibea Benjamina. Fa reo Filistina kea nitobe tagne Mikmasy.[17]Niakatre bakao amity tobe reo
Filistina tamity vondro telo reo mpanafike. Ty vondro raike nimbaeo Ofra, agne amity tane Soala. [18]Ty vondro
raike hafa nimbaeo amity sisin-tane ahisaha ty Baibo Zeboima magnoloa ty tane efetre.[19]Tsy nahisaha mpanefe
nagnera ty Israely iaby, satria hoe reo Filistina:" Laha tsy zay reo Hebreo le nagnamboatre meso na lefo ho ahy
iereo." [20]Fa reo lahilahy Israely iaby le fa zatre nizotro nimbaeo amireo Filistina, ty kirai-kiraike mba
handrangitre ty fangaline, ty fihalian-tanene, ty famakine, naho ty mesom-bilone. [21]Ty viline le roe ampahatelo ty
Sekele ty fangaly, vaho ty fihalian-tane, naho raike ampahatelo ty sekele ty fandragnita ty famaky vaho ty fagnitia
ty fitsoboha.[22]Ka tamity andro ty aly, le nahisaha meso na lefo teo antagna reo miaramila ze niarake tamy Saoly
vaho Jonatana; Saoly vaho Jonatana anane avao ro nana zay. [23]Reo miaramila ty Filistina le niakatre nimbaeo
amity lala Mikmasy.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 14

[1]Andro raike, ty Jonatana ana Saoly nanao tamity ajalahy mpinday ty fialiane hoe:" Andao, hindeha tika hitsake
egne amity tobe miaramila ty Filistina egne andafe." Nefa tsy nirehafene ty raene.[2]Nitoboke teo amity magnodidy
Gibea amity hetaen'ampongambein-dagnitse ze tao Migrona ty Saoly. Teo ho eo amity lahilahy enenjato teo ro
niarake tamine, [3]agnate zay Ahia, ana Ahitoba (rahalahy Ikaboda) ana i Finehasa ana Ely, ty mpisoro Yaveh tao
Silo, niankanjo efoda. Tsy hay ty vahoake hoe lasa ty Jonatana.[4]Teo amity lafy kirai-kiraike amity fitana ze nirie
Jonatana hindehana mba hindehana agne amireo miaramila ty Filistina, le nisy haram-bato teo amity ilane naho
haram-bato hafa teo amity ilane. Ty haram-bato raike natao ty hoe Bozeza naho ty haram-bato raike natao ty hoe
Sene. [5]Ty haram-bato raike nitsanga teo avaratre nagnoloa Mikmasy, naho ty hafa tantimo eo agnoloa Geba.[6]Hoe
Jonatana tamity ajalahy mpinday ty fialiane:" Andao, hindeha tika hitsake egne amity miaramila reo nama tsy
voa-savatse reo. Asa Yaveh mba hiasa ho antika, fa tsy misy na ino ino mahasaka Yaveh amity famonjea amity
maro na amity ndaty tsy ampe." [7]Namale ty mpinday ty fialiane hoe:" Anovo ty zaka iaby ze amponao ao.
Mindeha, ingo, miarake aminao raho, mba hagnenke reo baikonao iaby."[8]Le hoe ty Jonatana hoe:" Hitsake ho
egne amireo lahilahy tika, naho hiboake eo amiereo. [9]Laha mirehake amintika iereo ty hoe:" Mandignasa egne
mandram-piavianay egne aminareo'__le hijano eo amity toerantika tika ka tsy hitsake egne amiereo. [10]Kanefa
laha mamale iereo ty hoe:' Mindeha aminay atoy', le hitsake tika; satria le fa natolo Yaveh ho eo antagnatika
iereo. Zay ro ho famantara ho antika."[11]Ka sambe niboake teo amity tobe miaramila ty Filistina iereo. Hoe reo
Filistina:" Ingo, miboake bakao amireo lavake ty nagnaja iereo ty vatagnireo Hebreo." [12]Le nikaike i Jonatana
vaho ty mpinday ty fialia reo lahilahy ty miaramila, ka nanao ty hoe:" Mindehana aminay atoy, le hanoroanay
raraha nareo." Hoe ty Jonatana tamity mpinday ty fialiane:" Magnoriha ahy baka afara, satria le fa natolo Yaveh
eo antagna Ysraely iereo."[13]Nanganike tamity tagnane vaho ty tombone ty Jonatana, naho nagnorike tafara ty
mpinday ty fialiane. Vinono teo agnoloa Jonatana reo Filistina, naho ty mpinday ty fialiane namono ty ilane
tafarane ao. [14]Ze fanafiha voalohane ze natao Jonatana vaho ty mpinday ty fialiane zay, le namono tokone ho
lahilahy roapolo tao amity faritre ty antsasa-hektara.[15]Nisy savorovoro bey tao antobe, tagne ambaibo, vaho teo
amireo vahoake. Na le ty miaramila vaho reo mpanafike aza le natahotre. Nihovitse ty tane, naho nisy tahotre
foloay.[16]Naho reo mpitily Saoly tagne Gibea Benjamina nanente; nizara ty vahoake ty miaramila Filistina, naho
nimbetia mberoa iereo. [17]Le hoe Saoly tamity vahoake ze niarake tamine:" Isaho naho henteo ze tsy eto ty baka
amintika." Laha nagnisake iereo, le i Jonatana vaho ty mpinday ty fialiane ro tsy teo.[18]Hoe ty Saoly tamy Ahia:"
Andeso atoy ty tomabilen'Agnahare," fa tagne amity vahoake Israely zay tamize andro zay. [19]Laha mboe nirehake
tamity mpisoro ty Saoly, le nitohy vaho nitombo ty korakorake tao antobe ty Filistina. Le hoe Saoly tamity
mpisoro:" Ahemoro ty tagnanao."[20]Nivory naho nindeha tagne agnaly ty Saoly vaho ty vahoake iaby ze niarake
tamine. Ty meso ty Filistina kirai-kiraike le nagnisy ty mpiara-belo tamine, naho nisy savorovoro bey vatane.
[21]Naho reo Hebreo ze niarake tamireo Filistina taloha reo, vaho ze nindeha niarake tamireo tagne antobe aza le
mba niharo tamireo Israelita ze niarake tamy Saoly vaho Jonatana.[22]Laha fa rey ty ndaty Israely iaby ty nihaja
tagne amireo tazoa agnila Efraima fa nilay reo Filistina, le hinia iereo zisikagne agnaly reo. [23]Ka tamize andro zay
le nagnavotre ty Israely Yaveh, naho nihoatre zisikagne Betavena ty aly.[24]Ore ty ndaty Israely tamize andro zay
satria nametrake ty vahoake tao ambane fifanta naho nanao ty hoe:" Voaozo ty ndaty ze mihina sakafo
mandram-pahariva naho zaho le hamale fate eo amireo fahavaloko." Le tsy nisy ndaty bakao amity toko
nanendre sakafo. [25]Naho nilitre tao agnala ty vahoake iaby naho nisy tantele teo amity tane. [26]Laha fa nilitre tao
agnala ty vahoake, le nily tanteley, nefa tsy nisy ndaty nanao ty tagnane tambavane ao satria natahotre ty fifanta
ty vahoake.[27]Nefa tsy rey Jonatana fa namehe ty vahoake tamity fifanta ty raene. Le namere ty loha ty tehene ze
tegne antagnane re naho nitsoboke zay tao amity tohon-tantele. Nagnafake ty tagnane teo ambavane re, ka
nazava ty masone. [28]Naho ty raike tamity vahoake, namale ty hoe:" Vinesa ty raenao tamity fifanta mafe vatane ty
vahoake, tamity nirehafane hoe:' Voaozo ty ndaty ze mihina sakafo amity andro toy,' na le maleme ty hakere aza
ty vahoake."[29]Le hoe Jonatana:" Nagnoronta ty tane ty raeko. Henteo fa lasa nazava ty masoko satria nagnandra
kele tamity tantele toy raho. [30]Maike fa laha nihina ampalalafa tamize voaseresere tamireo fahavalo iereo ze
hisane androany ty ndaty? Satria tsy foloay teo amireo Filistina ty vono henanezao."[31]Tamio andro o le nanafike
reo Filistina nanomboke tao Mikmasy zisikagne Aialona iereo. Rerake vatane ty vahoake. [32]Nilailay mafe tamireo
voaseresere ty vahoake ka nangalake agnondry, agnombe vaho anak'agnombe, naho namono reo teo amity tane.
[33]Le hoe iereo tamy Saoly:" Ingo, nanonta tamy Yaveh tamity fifanta niarake tamity lio ty vahoake." Hoe ty Saoly:"
Nanao ty tsy mete nareo. Henanezao, mangala vato foloay eto ho ahike." [34]Hoe ty Saoly:" Miakara bakeo amity
vahoake, naho ambarao iereo ty hoe:' Ao ty ndaty kirai-kiraike hinday ty agnombene vaho ty agnondrine, vono
eto reo, naho hano. Ko manonta amy Yaveh amity fihinana miarake amity lio."' Ka ty kirai-kiraike tamity vahoake


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

le ninday ty agnombene niarake tamine tamy haleke eo naho namono zay teo.[35]Nagnamboatre alitara ho ahy
Yaveh ty Saoly, ty alitara voalohane namboarene ho ahy Yaveh.[36]Le hoe Saoly:" Andao tika hagnia reo Filistina
amity hale naho hanimba iereo zisike-maray; ndao tsy engantika hisy ho velo na le raike amiereo aza." Namale
iereo ty hoe:" Anovo ty zaka iaby ze mete ho soa aminao." Nefa hoe ty mpisoro:" Ndao tika hamonje an'Agnahare
eto." [37]Nagnontane an'Agnahare ty Saoly hoe:" Tokone hagnia reo Filistina vao raho?" Hanolotre iereo eo antagna
ty Israely vao riha? Nefa tsy namale aze ty Zagnahare tamio andro o.[38]Le hoe Saoly:" Avia eto, nareo mpitarike ty
vahoake iaby, haiko naho henteo ty fomba nisehoa ze hadisoa zao androany. [39]Fa, laha mboe velo kea Yaveh, ze
magnavotre Israely, na le ao amy Jonatana anako aza zay, le ho mate vatane re." Nefa tsy nisy tamireo ndaty teo
amity vahoake iaby namale aze.[40]Le hoe re tamy Israely iaby:" Mitsangana eo amity agnilane, naho zaho vaho
Jonatana anako le ho eo amity agnilane." Hoe ty vahoake tamy Saoly:" Anovo ze mete ho soa aminao." [41]Ka le hoe
Saoly tamy Yaveh, Zagnahare Israely:" Atoro ty Tomima." Jonatana vaho Saoly ro azo tamity filoka, fa tafiala tsy
voafily kea ty vahoake. [42]Le hoe Saoly:" Manova filoka amiko vaho Jonatana anako." Le Jonatana ro voafily tamity
filoka.[43]Le hoe Saoly tamy Jonatana:" Ambarao ahy ze nataonao." Hoe Jonatana tamine:" Nagnandra kele tamity
tantele teo amity volin-ketae ze tetoy antagnako raho. Intoy raho; ho mate raho." [44]Hoe ty Saoly:" Hanao zay ty
Zagnahare naho hanao mihoatre amiko kea, laha tsy mate riha, ry Jonatana."[45]Le hoe ty vahoake tamy Saoly:"
Tokone ho mate vao ty Jonatana, ty nahalefe ze fandresea foloay ho ahy Israely zao? Sagnatria anie zay! Laha
mboe velo kea Yaveh, le tsy hisy tsilane raike amity volon-dohane hipoke amity tane, fa niasa niarake
tamin'Agnahare re androany." Ka nagnavotre Jonatana ty vahoake kay ka tsy mate re. [46]Le nijano tsy nagnia ty
Filistina i Saoly, naho nindeha tagne amity toera iereo ty Filistina.[47]Laha fa nanomboke nandily ty Israely ty Saoly,
le nialy tamireo fahavalone iaby tegne amity lafine iaby re. Nialy tamy Moaba, reo Amonita, Edoma, reo
mpanjaka Zoba, naho reo Filistina re. Na taia aia nitolihane, le nampindaisene saze iereo. [48]Niasa tamin-kerem-po
foloay re ka naharese reo Amalekita. Namonje ty Israely ho afake tamity tagna reo ze nanimba iereo re.[49]Reo
anadahy Saoly le Jonatana, Jisvy, naho Malkisoa. Ty agnara reo anane roe vave le i Meraba, ampela-voalohane,
naho Mikala, fara-vave. [50]Ahinoma ro agnara ty valy Saoly; anakampela Ahimaza re. Ty agnara ty kapitene ty
tafine le Abnera ana i Nera, rahalahin-drae Saoly. [51]Kisy ro rae Saoly; naho Nera, rae Abnera, ro anadahy Abiela.
[52]Nisy aly mafe teo amireo Filistina tamity andro Saoly iaby. Laha fa nahisake ndaty mahere, na ndaty mahere
arofo ty Saoly, le nalaene ho aze re.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 15

[1]Hoe ty Samoela tamy Saoly ty hoe:" Yaveh nagnirake ahy hagnosotre anao ho mpanjaka eo amity Israely ndatine.
Henanezao le dranjigno ty safa Yaveh. Ezao ro safa Yaveh tompo ty maro:' Le fa hisako ty natao Amaleka tamity
vahoake Israely tamity nandierane iereo tegne andala, laha fa niakatre bakagne Egypta iereo. [3]Henanezao
mindehana ka tafiho ty Amaleka naho poteho vatane iaby ze fanagna iereo. Ko miaro iereo, fa sambe vono na
lahy na vave, ty kolo vaho ty aja, ty agnombe vaho ty agnondry, naho ty rameva vaho ty borike."'[4]Nampikaike ty
vahoake Ty Samoela naho nagnisake iereo tao amity tana Telaima: lahilahy nindeha tomboke roe-hetse, naho
lahilahy Joda ray ale. [5]Bakeo ty Saoly le niavy tagne amity tana Amaleka naho niambe tagne ambaibo.[6]Le hoe
Saoly tamireo Kenita:" Mindehana, midisoa, miakara bakeo amireo Amalekita, mba tsy handravako anareo
miarake amiereo. Fa nanoro hasoam-pagnahy tamity Israely iaby nareo, tamy niavy bakagne Egypta iereo." Laha
zao le niala teo amireo Amalekita reo Kenita. [7]Bakeo le nagnisy reo Amalekita ty Saoly, zisikagne Havilaha ka
hatragne Sora, ty agne antignana Egypta.[8]Naho nataone sambo-belo ty Agaga mpanjaka Amalekita; rinavane
vatane tamity lela-meso ty vahoake iaby. [9]Fa niaro i Agaga, amity agnondry, agnombe, agnombe-vave mifehe,
naho anak'agnondry soa vatane ty Saoly vaho reo ndaty. Ty zaka iaby ze soa, le tsy sinimba iereo. Fa pinote iereo
kea ty zaka iaby ze rinaty vaho tsy misy dikane.[10]Le niavy tamy Samoela ty safa Yaveh, nanao ty hoe:
[11]"Nanegnenako ty nagnanovako Saoly ho mpanjaka, fa niala tamity fagnoriha Ahy re naho tsy nanao ty liliko."
Meloke ty Samoela; nikorake mafe tamy Yaveh re zisike ty hale iaby.[12]Nifoha aloha ty Samoela mba hifankahisake
amy Saoly ty maraindray. Natalily tamy Samoela hoe:" Niavy tagne Karmela ty Saoly naho nananga tsangam-bato
ho ahy ty vatane, naho nitoli-doha ka nanohy nizotro nimbaeo Gilgala." [13]Le niavy tagne amy Saoly ty Samoela,
naho hoe ty Saoly tamine:" Hehe voatahy Yaveh riha! Lefeko ty lily Yaveh."[14]Hoe Ty Samoela hoe:" Ino ze fitsero ty
agnondry ao antsofiko zao, vaho ty fitsero ty agnombe ze reiko zao?" [15]Namale Saoly ty hoe:" Le fa niente iereo
bakamireo Amalekita zay. Fa niaro reo agnondry vaho agnombe soa vatane reo ndaty, mba hanova soro ho ahy
Yaveh Zagnaharenao. Le fa rinavanay vatane ty sisa tavela." [16]Le hoe Samoela tamy Saoly ty hoe:" Lignaso, le
hambarako anao ze natalily Yaveh tamiko tamity hale." Le hoe ty Saoly tamine hoe:" Mirehafa!"[17]Hoe ty Samoela:"
Na le kele eo amasonao avao aza riha, feie tsy natao ho loha reo foko Israely vao riha? Naho Yaveh nagnosotre
anao ho mpanjaka eo amy Israely, [18]naho Yaveh nagnirake anao tamity lalanao nanao hoe:' Mindehana naho
aravao vatane reo mpanonta, reo Amalekita, naho mialia amiereo zisike-hirava iereo.' [19]Nagnino riha ro tsy
nagnenke ty feo Yaveh, fa nangalake reo babo kea riha naho nanao ze raty teo amaso Yaveh?"[20]Le hoe ty Saoly
tamy Samoela:" Nangnenke ty feo Yaveh vatane raho, naho le fa nindeha tamity lala ze nagniraha Yaveh ahy. Le
fa tsinepako ty Agaga, mpanjaka ty Amaleka, naho le fa rinavako vatane reo Amalekita. [21]Feie nangalake ty ilane
tamireo babo__agnondry vaho agnombe, ty zaka soa vatane natoka ho ahy ty fandrava, mba hanova soro ho ahy
Yaveh Zagnaharenao agne Gilgala ty ndaty."[22]Namale ty Samoela hoe:" Mete ty fagnatetre oroa vaho ty soro
vatane vao ty Zagnahare, manahake ty amity fagnenkea ty feo Yaveh? Soa noho ty soro ty fagnenkea, naho ty
midranjy ro soa mihoatre ty havondra ty agnondry lahy. [23]Fa ty vande le manahake ty hadisoa ty sikily, naho ty
hamafean-doha le manahake ty haratia vaho heloke. Satria le fa nilierenao ty safa Yaveh, le nilietse anao tsy ho
mpanjaka avao kea re."[24]Le hoe Saoly tamy Samoela hoe:" Le fa nanonta raho; satria nandika ty lily Yaveh vaho
reo rehanao, satria natahotre ty ndaty raho naho nagnenke ty feo iereo. [25]Amizao, mba mamotora rie ty heloko,
naho miheregna miarake amiko mba hanompoako Yaveh."[26]Hoe ty Samoela tamy Saoly hoe:" Tsy hihere hiarake
aminao raho; satria nilietse ty safa Yaveh riha, naho le fa nilietse anao tsy ho mpanjaka eo amity Israely ty
Yaveh.' [27]Laha nitoli-doha hiala ty Samoela, le nitana Saoly ty moron-tombon'akanjone, ka niriatre zay.[28]Hoe ty
Samoela tamine:" Le fa nafaha Yaveh hiala aminao ty fanjaka Israely androany naho le fa nameane ho ahy ty
namanao, zay soa naho riha. [29]Naho kea, ty Tanja Israely le tsy havande na hagnova ty hevene kea; fa tsy ndaty
Re, ka hiova hevetre."[30]Le hoe Saoly ty hoe:" Le fa nanonta raho. Feie mba ameo hasy eo agnoloa reo olobey ty
vahoakeko vaho eo agnoloa ty Israely rie raho henanezao. Miaraha mihere amiko ndraike, mba hanompoako
Yaveh Zagnaharenao." [31]Ka nihere nagnorike Saoly ndraike ty Samoela, naho nanompo Yaveh ty Saoly.[32]Le hoe ty
Samoela ty hoe:" Ento amiko atoy ty Agaga mpanjaka reo Amalekita." Le nimbaeo amine ty Agaga mifehe amity
sene-vy naho nanao hoe:" Le fa lasa vatane ty farare ty fate." [33]Namale Samoela hoe:" Arake ty nagnanova ty
mesonao reo ampela ho tsy miterake, le tsy hiterake hoe zay kea ty renenao eo amireo ampela." Le tinampan-
tampa Samoela teo agnoloa Yaveh tagne Gilgala ty Agaga.[34]Nimbaeo Rama ty Samoela, naho Saoly niakatre tagne
antragnone tagne Gibea Saoly. [35]Tsy nahisake Saoly ty Samoela zisikamity andro nimatezane, fa nalahelo mafe
Saoly re. Naho nanegne Yaveh ty amity nanovane Saoly ho mpanjaka teo amity Israely.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 16

[1]Hoe ty Yaveh tamy Samoela ty hoe:" zisike ombia riha ro handala i Saoly, satria ka niliereko tsy ho mpanjaka
magnera ty Israely re? Feno diloilo ty trifanao naho mindehana. Hiraheko ho agne amy Jese bakagne Betlehema
riha, fa le fa nifily mpanjaka ho ahy amireo anadahine raho."[2]Hoe ty Samoela ty hoe:" Akore ro fomba
hindehanako? Laha maharey zay Saoly, le ho vonoene raho." Hoe ty Yaveh hoe:" Mindaisa agnombevave kele
miarake aminao naho rehafo ty hoe:' Avy hanao soro ho ahy Yaveh raho.' [3]Kaiho ho amity soro Jese, le hatoroko
anao ze hataonao. Hagnosotre ty raike ze hataliliko anao ho ahy riha."[4]Nanao arake ze nirehafe Yaveh ty Samoela
naho nindeha tagne Betlehema. Natahotre reo olobey teo amity tana laha fa niavy hifankahisake amine iereo
naho nanao ty hoe:" Avy mba hilongo vao riha?" [5]Hoe iereo ty hoe:" Hilongo; avy hanao soro ho ahy Yaveh raho.
Miomana nareo hanoka ty vatanareo naho miaraha amiko ho agne amity fanova soro." Le nanoka Jese vaho reo
anadahine re naho nagnafatre iereo ho agne amity fanova soro.[6]Laha fa niavy iereo, le nanente Eliaba re naho
nirehake tamity vatane hoe nitsanga nagnoloa aze vatane ty voahoso Yaveh. Feie hoe ty Yaveh tamy Samoela ty
hoe:" Ko manente ty toerane ambalike, na ty halavane; satria le fa nilietre aze raho. [7]Fa Yaveh le tsy manente
manahake ty hente ty ndaty; ty ndaty manente ty toera ambalike, fa Yaveh kea manente ty ao agnarofo."[8]Bakeo le
nikaike i Abinadaba ty Jese naho nampandrio aze teo agnoloa Samoela. Le hoe ty Samoela hoe:" Tsy nifily io raike
eo avao kea Yaveh." [9]Bakeo le nampandrio Sama Jese, feie hoe ty Samoela hoe:" Tsy nifily io avao kea ty Yaveh."
[10]Nampandriogne Jese teo agnoloa Samoela ty fito tamireo anadahine. Le hoe Samoela tamy Jese hoe:" Tsy nifily
ania ia tamireo Yaveh."[11]Naho hoe Samoela tamy Jese hoe:" Eto iaby vao reo anagnao lahy iaby?" Namale re hoe:"
Mboe misy ty anako faralahy sisa, fa miarake agnondry re." Hoe ty Samoela tamy Jese ty hoe:" Mindehana naho
alao re; satria tsy hitoboke tika mandram-piaviane eto." [12]Nindeha Jese naho ninday aze nilitre. Naho i ajalahy io
le mena volo vaho baribary maso naho soa toera ambalike. Hoe Yaveh ty hoe:" Mitsangana, hosoro re; fa io ro
ie."[13]Naho le rinae Samoela ty trifa misy ty diloilo naho hinosone teo agnivo reo rahalahine re. Niavy tamy Davida
ty fagnahy Yaveh tamize andro zay. Bakeo le nitsanga ty Samoela naho nindeha tagne Rama.[14]Naho nienga Saoly
ty fagnahy Yaveh, ka nisy fagnahy raty bakamy Yaveh nampitahotre aze. [15]Hoe reo mpanompo Saoly tamine hoe:"
Ingo, misy fagnahy raty bakamin'Agnahare magnoronta anao. [16]Ao are ty tomponay handily reo mpanomponao
ze eo agnoloanao mba hipay lahilahy raike ze feno fahaia amity fititiha lokanga. Naho laha fa aminao eo ty
fagnahy raty bakamin'Agnahare, le hititike zay re naho ho soa riha."[17]Hoe Saoly tamireo mpanompone hoe:" Ipaio
lahilahy ze afake mititike soa raho naho ento amiko atoy re." [18]Le namale ty raike tamireo ajalahy, naho nanao ty
hoe:" Le fa nahisake ty anadahy Jese Betlehemita raho, ze tena mahay mititike, mafe, lahilahy bey herem-po,
lahilahin'Aly, mahay mitsara, lahilahy soa tarehe; naho miomba aze ty Yaveh." [19]Ka le nandefa mpinday talily
tagne amy Jese ty Saoly, naho nanao ty hoe:" Alefaso amiko ty Davida anadahinao, ty miarake
agnondry."[20]Nangalake borike raike nitao mofo, divay siny raike, vaho anak'ose ty Jese, naho nandefa iereo
niarake tamy Davida anadahine ho agne amy Saoly. [21]Bakeo le niavy teo amy Saoly ty Davida naho nanomboke ty
fanompoane. Tea Saoly loatre re, ka lasa mpinday ty fialiane.[22]Nagnirake Jese ty Saoly nanao ty hoe:" Ao ty Davida
hitsanga eto agnoloako, satria nahisake hatea teo amasoko re." [23]Isake ty teo amy Saoly ty fagnahy raty
bakamin'Agnahare, le nangalake ty lokanga ty Davida naho nititike zay. Ka velombelo vaho fale ty Saoly, naho
niala teo amine ty fagnahy raty.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 17

1Naho reo Filistina namory reo tafigniereo hialy. Nivory tao Soko, ty agne Joda iereo. Nitobe teo ampagnivoa Soko
vaho Azeka, tao Efesa-damima iereo.2I Saoly vaho reo lahilahy Israely le nivory naho nitobe tao amity Baibo
Elaha, naho nandamy ty lahara iereo amity aly mba hignehetre amireo Filistina. 3Nitsanga teo ambone Vohitse
tegne andafe reo Filistina, naho ty Israely nitsanga teo ambone Vohitse tegne andafe naho baibo ro ampagnivoa
iereo.4Lahilahy matanjake raike ro niakatre bakao amity tobe reo Filistina, lahilahy raike atao ty hoe Goliata
bakagne Gata, te ene metatre naho zehe raike ty halavane. 5Nanao satroke fiaro-loha varahy teo amity lohane re,
naho niakanjo fiaro-tratra. Varahy dime arivo sekele ro lanja ty akanjo.6Nanao fiaro-ranjo varahy vaho lefo
varahy teo ampagnivoa ty sorone re. 7Bey ty taran-defone, miarake amity taly volomboloe fanoraha aze
manahake ty taly eo amity volin-teno ty mpaneno. Ty loha ty lefone le vy milanja sekele enenjato. Nindeha teo
alohane ty mpinday ampingane.8Nitsanga re naho nikorake mafe tamireo lahara ty Israely:" Nagnino nareo ro
avy hilahatre hialy? Feie tsy Filistina vao raho, naho nareo mpanompo Saoly? Mifilia lahilahy raike aminareo
naho ao re hizotro amiko etoy. 9Laha mahay mialy amiko naho mahafate ahy re, le ho mpanompo nareo zahay. Fa
laha maharese aze naho mahafate aze raho, le ho mpanomponay nareo naho hiasa ho anay."10Le hoe ndraike ty
Filistina hoe:" Manao ambe amireo lahara Israely raho androany. Ameo lahilahy raike raho mba ho afake hiara-
hialy zahay." 11Laha fa naharey ze nirehafe ty Filistina ty Saoly vaho ty Israely iaby le kivy iereo, naho natahotre
vatane.12Naho Davida le anadahy ty Efraita bakagne Betlehema ao Joda, Jese ro agnarane. Nanagnanake lahy valo
re. Jese le fa lahilahy antetre tamity andro Saoly, vatane antetre vatane teo amireo lahilahy. 13Ty zokene telo
amireo anadahy Jese le nagnorike Saoly tagne amity aly. Ty agnara reo anadahine telo ze nimbaeo amity aly reo
le i Eliaba ro voalohane, faharoe kea ty Abinadaba, naho i Sama ro fahatelo.14Davida ro farane zaine. Reo telo
zokene vatane ro nagnorike Saoly. 15Naho Davida le nindeha vaho nihere teo amity tafike Saoly vaho reo
agnondrin-draene tao Betlehema, mba hamaha iereo. 16Marain-tsy hariva zisike ty efa-polo andro ty lahilahy
Filistina matanjake ro niavy niharineke mba hial y.17Le hoe Jese tamy Davida anane hoe:" Mangala raike efaha
amity vare voaende toy naho ty mofo folo toa ho ahy reo rahalahinao, naho ento malaky agne amity tobe reo
rahalahinao toa. 18Ento agne amity kapitene reo arivo avao kea ty fromazy folo toa. Henteo hoe manao akore reo
rahalahinao naho mindaisa porofo mihere atoy te tsy magnahy iereo.19Miarake amy Saoly vaho reo lahilahy
Israely iaby agne amity baibo Elaha, mialy amireo Filistina reo rahalahinao." 20Nifoha aloha Davida ty maray
naho namototre ty agnondry aman'ose niarahe ty mpiarak'agnondry raike. Nangalake reo raraha re naho lasa,
arake ty nandilia Jese aze. Niavy teo amity tobe re laha igne nindeha niakatre teo amity baibon'aly mba hikoike
aly igne ty tafike. 21Bakeo le nilahatre hialy ty Israely vaho reo Filistina, tafike mandietre tafike.22Nagnenga reo
fanagnane tamity mpita reo enta re, nilay nimbaeo amity tafike, naho nifankahisake tamireo rahalahine. 23Laha
igne nirahake tamiereo igne re, ty lahilahy mafe, ty Filistina bakagne Gata, atao ty hoe:" Goliata, le niakatre bakao
amity lahara reo Filistina, ka nirehake reo rehake ze le fa nambarane taloha, le rey Davida iereo. 24Laha fa
nahisake ty lahilahy reo ndaty Israely iaby, le nilay aze naho natahotre vatane iereo.25Reo lahilahy Israely nanao
ty hoe:" Hisanareo vao igne lahilahy miakatre igne? Avy mba hipay ty Israely re. Hagnomea harea bey ze
mamono aze ty mpanjaka, naho hagnomea aze ty anakampelane ho valine re, naho hagnafake ty fokon-draene
amity fandoavan-ketra ao Israely."26Hoe ty Davida tamireo lahilahy ze nitsanga teo agnilane:" Ino ro hatao ho ahy
ty lahilahy ze mamono ty Filistina ty vaho hagnafake ty fahafaham-baraka amy Israely? Ia ty Filistina tsy voa-
savatse toy ro mipay reo tafike ty Zagnahare velo?" 27Le nahere ty ndaty ze nirehafe iereo naho nirehake tamine
re ty hoe:" Le hoe zay avao ro hatao ho ahy ty lahilahy ze mamono aze."28Naharey aze nirehake tamireo lahilahy
ty Eliaba zokene voalohane. Le nirehetre tamy Davida ty helo Eliaba, ka hoe re:" Nagnino riha ro mizotro etoy?"
Ia ro nagnenganao reo agnondry tsiampe agne antane efetre? Haiko ty avognavo vaho ty vande ao agnate ty
arofonao; fa niavy nimbetoa riha mba hahisake ty aly." 29Hoe ty Davida:" Ino zao ro nataoko? Feie tsy fagnontanea
avao vao zay?" 30Niala teo amine nimbaeo amity hafa re, naho nirehake hoe zay avao. Le namale manahake ty
taloha avao ty ndaty.31Laha fa rey reo safa ze nirehafe Davida, le nagnere zay tamy Saoly reo miaramila, naho
nampagnirake ho ahy Davida re. 32Bakeo le hoe ty Davida tamy Saoly:" Ao tsy hisy lahilahy ho kamo noho Filistina
ao ty arofone; ty mpanomponao le hindeha ka hialy amio Filistina ao." 33Hoe ty Saoly tamy Davida:" Tsy afake
hindeha handietre io Filistina ao naho hialy amine riha; satria mboe kele riha, naho re le lahilahin'Aly
hatriniela."34Fa hoe Davida tamy Saoly:" Le fa zatre niarake ty agnondrin-draeko ty mpanomponao. Laha fa niavy
vaho mangalake anak'agnondry amity agnondry ty liona na bera, 35le nagnia zay vaho nagnisy zay raho, naho
nagnavotre zay bakao amity vavane. Laha fa nitsanga handietre ahy re, le tratreko tamity volombavane, nasiako
re, naho mateko.36Nahafate liona vaho bera ty mpanomponao. Naho Filistina tsy misavatse io le hanahake ty
raike amio. satria nipay reo tafike ty Zagnahare velo re."37Hoe Davida:" Nagnavotre ahy tamity tombo ty liona


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

vaho ty tombo ty bere Yaveh. Hagnavotre ahy amity tagna reo Filistina ao re." Le hoe ty Saoly tamy Davida:"
Mindehana, ka hiomba anao anie ty Yaveh." [38]Nampiakanjoe Saoly tamity akanjo fialiane ty Davida. Natobone teo
amity lohane ty satroke fiaro-loha varahy, naho nampiakanjoene akanjo fiaro-tratra re.[39]Namehe ty mesone
tamity akanjo fialiane ty Davida. Fa tsy afake namindra re, satria mboe tsy nahay reigne. Le hoe ty Davida tamy
Saoly:" Tsy afake hiakatre hialy miarake amitone raho, satria mboe tsy nanare tamitoa." Ka nafaha Davida reo.
[40]Nafahane tegne antagnane ty tehe naho ninday vato malama dime bakao amity baibon-driake re; naho
natobone tao amity kitapone fiarakan-drovane reo. Tegne antagnane ty pilatse laha fa namonje ty Filistina re.
[41]Niavy naho namonje Davida ty Filistina, naho talohane teo ty mpinday ty ampingane. [42]Laha fa nanente ty
magnodidy ka nahisake Davida ty Filistina, le nanao tsinontsino aze, satria mboe kolo re, mena volo, naho soa
tarehe. [43]Le hoe ty Filistina tamy Davida:" Amboa vao raho, ro avy miarake amity hetae amiko eto riha?," naho
nagnozo Davida tamireo zagnaharene ty Filistina.[44]Hoe ty Filistina tamy Davida:" Mindeha amiko eto, le hameako
ho ahy reo voro egne andagnitse vaho ho ahy reo bibin'ala agne ambaibo ty nofonao." [45]Namale ty Filistina ty
Davida hoe:" Avy amiko eto miarake amity meso, naho lefo riha. Fa zaho avy aminao eo amity agnara Yaveh
tompo ty maro, ty zagnahare ty tafike Israely, ze pinainao.[46]Androany le hagnomea ahy ty haharesea anao Yaveh,
ka hamono anao raho naho nagnafake ty lohanao amity vatanao. Androany le hagnomea ty fate ty tafike ty
Filistina ho ahy reo voro egne andagnitse vaho ho ahy reo bibin'ala antane etoy raho, mba hahaia ty tane iaby fa
misy Zagnahare ao Israely, [47]naho hahaia reo voro iaby reo fa Yaveh le tsy magnomea faharesea amity meso na
lefo. Fa ahy Yaveh ty aly, ka hanolotre anareo eo antagnanay re."[48]Laha fa nitsanga vaho namonje Davida ty
Filistina, le nilay malaky nimbaeo amity tafike fahavalo Davida mba hanalaka aze. [49]Nampilirene tao agnate ty
kitapone ty tagnane, nangalake vato bakao re, nataone tamity pilatse zay, ka nahavoa ty Filistina teo amity
handrine. Nilenteke tao amity handry ty Filistina ty vato, ka nitonta ty vatane teo amity tane.[50]Rese Davida tamity
pilatse vaho vato ty Filistina. Voane ty Filistina ka matene. Tsy nisy meso tegne antagna Davida. [51]Bakeo le nilay
Davida ka nitsanga teo ambone ty Filistina vaho nangalake ty mesone, nagnakatre zay bakao amity tragnone,
namono aze, naho nandily ty lohana tamizay. Laha fa hisa reo Filistina fa mate ty lahilahy mafe iereo, le nilay
iereo.[52]Bakeo le nitsanga vaho nikorake reo lahilahy Israely vaho Joda, naho nagnia reo Filistina zisikagne amity
baibo vaho reo vavahady Ekrona. Reo Filistina mate le niroro teo amity lala mbaeo Saraima, vaho ty lala iaby
mbaeo Gata naho Ekrona. [53]Nihere bakamity fagniagna reo Filistina ty ndaty Israely, naho nandrava ty tobe iereo.
[54]Nalae Davida ty loha ty Filistina naho nientene tagne Jerosalema zay, fa ty akanjo le natobone tao amity
tragnone.[55]Laha fa nahisake Davida niakatre nandietre ty Filistina Saoly, le hoe re tamy Abnera, kapitene ty
tafike:" Ry Abnera, anagnia io ajalahy io?" Le hoe ty Abnera:" Laha mboe velo kea riha, ry mpanjaka, le tsy haiko"
[56]Ty mpanjaka nanao ty hoe:" Agnontaneo reo ze mete mahay, hoe anagnia io ajalahy io."[57]Laha fa nihere bakagne
amity famonoa ty Filistina ty Davida, le nangalake aze ty Abnera, naho ninday aze teo agnoloa Saoly niarake
tamity loha ty Filistina tegne antagnane. [58]Hoe ty Saoly tamine:" Anagnia riha, ry ajalahy?" Namale ty Davida
hoe:" Ana i Jese Betlehemita mpanomponao raho."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 18

[1]Laha fa baka nirehake tamy Saoly re, le nifamehe tamity fagnahy Davida ty fagnahy Jonatana, naho nitovia
jonatana manahake ty fagnahine avao re. [2]Nalae Saoly ho amity fanompoa aze ty Davida tamio andro o; tsy
nengane hihere agne antragnon-draene re.[3]Bakeo Jonatana vaho Davida nanao fagnenkeam-pinama satria
niteave Jonatana manahake ty fagnahine avao re. [4]Nagnafake ty akanjo lava ze nagnisiane ty Jonatana naho
nagnomea zay Davida niarake tamity fiarone, vaho ty mesone, ty folese, naho santira.[5]Le nindeha tagne amize
toera nagniraha Saoly aze ty Davida, naho nisoa re. Nametrake aze teo amireo lahilahin'aly ty Saoly. Niteave teo
amaso ty vahoake iaby zay naho teo amaso reo mpanompo Saoly avao kea.[6]Laha nindeha noly baka nandrese reo
Filistina iereo, le niavy bakamireo tana Israely iaby reo ampela, niantsa vaho nandihy, mba hanalaka Saoly
mpanjaka, niarake tamity amponga tampake, hafalea, naho zaka-magneno. [7]Nifandimbe niantsa reo ampela laha
nihisa iereo. Niantsa iereo hoe:" Vinono Saoly reo agnarivone, naho Davida kea reo agnalene."[8]Meloke vatane ty
Saoly, naho tsy nahafale aze ze antsa zay. Hoe re ty hoe:" Le fa nagnomea agnalene ho ahy Davida iereo, nefa
agnarivone avao ro namea iereo ho ahy. Ino avao kea ro afake hanagnane laha-tsy ty fitondram-panjaka?"
[9]Nanente Davida tam-pisalasala ty Saoly nanomboke tamio andro o.[10]Ty andro magnarake le nisy fagnahy
mampidi-doza bakamin'Agnahare nizotro teo amy Saoly naho nivembe tao antragnone re. Laha zao le nihisa ty
zaka-magnenone manahake ty ataone isan'andro ty Davida. Naho nana lefo tegne antagnane ty Saoly. [11]Natora
Saoly ty lefo, satria nidineke re ty hoe:" Ho tsoboreko ho eo amity rindry ty Davida." Kanefa indroe tafiala ty
fiatreha Saoly tamize fomba zay ty Davida. [12]Natahotre Davida ty Saoly, satria niomba aze Yaveh, fa tsy niomba
Saoly sase.[13]Ka nafaha Saoly teo amity fiatrehane re naho tinendrene ho mpifehe ty agnarivone. Zay ro fomba
niakara Davida vaho nindenane teo agnoloa ty vahoake. [14]Nambine tamity lalane iaby Davida, satria niomba aze
Yaveh.[15]Laha fa hisa Saoly fa niambine re, le hisake tamine re. [16]Fa tea Davida ty Israely vaho Joda iaby, satria
niakatre re naho nimbaeo agnoloa iereo.[17]Naho hoe Saoly tamy Davida ty hoe:" Intoy Meraba anakampelako
zokene vatane. Hameiko anao ho valy re. Fa mana herem-po ho ahy naho mialia ty aly Yaveh." Fa nidineke Saoly
ty hoe:" Ko enga eo amy tagnako, fa ao ty tagna reo Filistina ro ho eo amine." [18]Hoe Davida tamy Saoly hoe:" Ia
moa raho, naho ia moa reo longoko, na ty foko ty raeko agne Israely, ro tokone ho vinanto lahy ty mpanjaka
raho?"[19]Fa tamity andro tokone nagnomea Meraba, anakampela Saoly ho ahy Davida, le namea i Adriela
Meholatita ho valy re.[20]Kanefa i Mikala, anakampela Saoly, le tea i Davida. Nirehake tamy Saoly iereo, naho
nahafale aze zay. [21]Bakeo Saoly nidineke ty hoe:" Hameako aze re, mba ho fandrike ho aze, naho mba handietre
aze ty tagna reo Filistina." Ka nirehake fagnindroene i Davida ndraike ty Saoly hoe:" Ho vinanto lahiko
riha."[22]Nandily reo mpanompone Saoly ty hoe:" Mirehafa arere amy Davida, naho ambarao hoe:" Ingo, tea anao
ty mpanjaka, naho tea anao reo mpanompone iaby. Ka amizao, mimetea ho vinanto lahy ty mpanjaka.'"[23]Ka
nirehake reo rehake tamy Davida reo mpanompo Saoly. Bakeo Davida nanao ty hoe:" Zaka kele ho anao vao ty ho
vinanto ty mpanjaka, satria ndaty mahantra raho, naho atao tsinontsino?" [24]Nitao tamine reo rehake Ze nirehafe
Davida reo mpanompo Saoly.[25]Naho hoe Saoly ty hoe:" Ambarao i Davida zao:' Tsy magniry volihena ty mpanjaka,
fa loha-tsitsy zato reo Filistina avao, mba hamalea fate reo fahavalo ty mpanjaka."' Naho Saoly nidineke ty
handavo i Davida tamity tagna reo Filistina. [26]Laha fa nirehake reo rehake reo tamy Davida reo ty mpanompone,
le nahafale i Davida ty ho vinanto ty mpanjaka.[27]Taloha ty nahalosotre reo andro reo, le nindeha niarake tamireo
ndatine Davida naho namono Filistina roan-jato. Niente Davida ty loha-tsitsy iereo, naho namea iereo ho ahy ty
mpanjaka iaby reo, mba ho lasa vinanto ty mpanjaka re. Ka namea Saoly aze ho valy ty Mikala anakampelane.
[28]Laha fa hisa Saoly, vaho haine fa niomba i Davida Yaveh, naho Mikala anakampela Saoly, le tea aze, [29]le
natahotre mafe kea i Davida ty Saoly. Naho fahavalo Davida zisikagne ty Saoly.[30]Bakeo reo roan-driandahy reo
Filistina niakatre hialy, naho arake ty niakara iereo mateteke, ro nahasoa Davida kea tane reo mpanompo Saoly
iaby, ka le niakatre agnabo ty agnarane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 19

[1]Naho Saoly nirehake tamy Jonatana anadahine vaho tamireo mpanompone ty tokone hamonoa iereo Davida.
Kanefa ty Jonatana, ana Saoly, le teane ty Davida. [2]Ka hoe ty Jonatana tamy Davida:" Mipay hamono anao ty Saoly
raeko. Laha zao miambena amity maray naho mihaja amity toera mangike. [3]Zaho hiakatre hitsanga eo agnila ty
raeko eo amity baibo ze misy anao, naho hirehake miomba anao amin-draeko raho, Laha mahay raraha raho, le
horehafeko riha."[4]Nitalily soa miomba Davida tamy Saoly raene ty Jonatana ka hoe re tamine:" Ao tsy hanonta
amy Davida mpanompone ty mpanjaka. Fa tsy nanonta taminao re, naho ninday soa ho anao reo asane. [5]Fa re le
fa nanao ty arofone tsisy dikane ka namono ty Filistina. Yaveh le fa ninday fahareseam-bey ho ahy Israely iaby.
Nahisake zay riha ka fale. Nagnino ro hanonta handietre ty lio tsy manan-tsiny amity famonoa Davida tsy
tsinontsino riha?"[6]Nidranjy Jonatana ty Saoly. Ka nifanta ty hoe:" Laha mboe velo kea Yaveh, le tsy hovonoe re."
[7]Le nikaike Davida ty Jonatana, naho rinehane tamy Davida ze zaka iaby zay. Niente Jonatana tagne amy Saoly ty
Davida, naho teo amity fiatrehane hoe ty taloha ndraike re.[8]Naho nisy aly ndraike, le niakatre hialy amity
Filistina Davida ka naharese iereo tamity vonoam-bey. Le nilay teo agnoloane iereo. [9]Niavy tamy Saoly ty fagnahy
raty bakamy Yaveh laha nitoboke tao antragnone niarake tamity lefo tegne antagnane re, naho laha nititike zaka-
magneno igne ty Davida.[10]Naho Saoly nagnandra nikendre Davida teo amity rindry tamity lefone, kanefa nilay ty
fiatreha Saoly re, ka natsato Saoly teo amity rindry ty lefo. Nilay ty Davida naho afake-nilay tamity hale igne.
[11]Nandefa irake tagne antragno Davida mba hanente aze mba hahafahane mamono aze ty Saoly amity maray.
Mikala, valy Davida, nirehake aze ty hoe:" Laha tsy mamonje ty arofonao amizao hale zao riha, le hovonoe riha
tehamaray."[12]Nenga Mikala hizotro teo amity varavara-kele ty Davida. Le lasa re ka nilay, naho afake-nilay.
[13]Nangalake sampe tao antragnone ty Mikala le nanao zay teo ampandreane. Naho nangalake onda volon'ose re
ka natobone teo amity lohane, naho rinakone akanjo zay.[14]Laha nandefa irake mba hangalake Davida Saoly, le
hoe re ty hoe:" Marare re." [15]Le nandefa irake mba hanente Davida ndraike ty Saoly, ka hoe re:" Ento hiakatre
amiko atoy amity fandrea re, mba hahafahako mamono aze."[16]Laha nilitre reo irake, ingo, ty sampe ze tao
antragnone ro teo ampandrea miarake amity onda volon'ose eo amity lohane. [17]Le hoe ty Saoly tamy Mikala:"
Nagnino ro namitake ahy riha ka namototre ty fahavaloko hindeha, ka le afake-nilay re?" Mikala namale Saoly ty
hoe:" Hoe re tamiko,' Engao raho hindeha. Nagnino raho ro hamono anao?"'[18]Naho nilay vaho afake-nilay Davida
le nimbaeo amy Samoela tagne Rama ka nitalily tamine ty zaka iaby ze natao Saoly tamine. Le nindeha re vaho
Samoela ka nitoboke tagne Naiota. [19]Nisy nagnambara tamy Saoly zay, manao hoe:" Ingo, ao Naiota agne Rama ty
Davida." [20]Le nandefa irake hitsepake Davida ty Saoly. Laha nahisake ty nama ty mpaminane namisavisa iereo,
naho Samoela nitsanga ho bey iereo, ty fagnahin'Agnahare niavy tamity ira Saoly, le namisavisa kea iereo.[21]Laha
fa nirehake zay Saoly, le nandefa irake hafa re, naho namisavisa avao kea iereo. Naho nandefa irake fagnintelone
ndraike ty Saoly, ka namisavisa avao kea reo. [22]Le nimbaeo Rama kea re naho niavy teo amity lava-drano tao
Seko. Nangnontane re hoe:" Aia ty Samoela vaho Davida?" Nisy ndaty nirehake hoe:" Ingo, ao Naiota agne Rama
iereo."[23]Nimbaeo Naiota agne Rama ty Saoly. Le niavy tao amine kea ty fagnahy Yaveh, ka namisavisa tegne
ampindeha mandram-piavine tagne Naiota tagne Rama re. [24]Nagnafake ty sikine re naho namisavisa teo agnoloa
Samoela. Tsy nisiky zisike ty andro aman'ale iaby re. Zay ro antone nagnontanea iereo ty hoe:" Agnate ty
mpaminane kea vao ty Saoly?'


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 20

[1]Naho Davida nilay bakagne Naiota agne Rama ka nimbaeo amy Jonatana naho nanao ty hoe:" Fa ino ro nataoko?
Ino ro heloko? Ino ro hadisoako teo agnoloa ty raenao, ro mipay hifofo ty arofoko re" [2]Jonatana nanao tamy
Davida ty hoe:" Sagnatria anie zay; tsy ho mate riha. Tsy manao zaka na foloay na kele ka tsy mirehake zay amiko
ty raeko. Nagnino ro tokone hagnaja ze zaka zay amiko ty raeko? Tsy zay akore."[3]Naho nanao vava ndraike
Davida ka nanao ty hoe:" Hay ty raenao soa fa nahisake saotre teo amasonao raho. Le fa nirehake re ty hoe:' Ko
enga ho hay Jonatana zao, laha tsy zay le halahelo re.' Nefa laha velo mare ty Yaveh, naho laha mboe velo kea
riha, le kele avao ty halava eo amiko vaho ty fate."[4]Naho hoe Jonatana tamy Davida:" Na ino ino rehafenao, le
hataoko ho anao." [5]Hoe Davida tamy Jonatana:" Hamaray ty voaloham-bola, ka tokone hitoboke hiara-hihina
amity mpanjaka raho. Nefa engao raho hindeha, mba hihaja agne ambaibo zisikamity hariva ty andro fahatelo.
[6]Laha mahatiaro ahy ty raenao, le anovo ty hoe:' Nanao fiera mafe tamiko Davida mba hamonje i Betlehema
tanane; satria le fa marine ty soro isan-tao ho ahy ty foko iaby agne.' [7]Laha hoe re ty hoe:' Soa zay,' le hanam-
piadagna ty mpanomponao. Fa laha meloke mafe re, le dineho fa nanapan-kevetre hanao raty re.[8]Laha zao le
mifagnaraha soa amity mpanomponao. Fa le fa ninday ty mpanomponao ho amity fagnenkea Yaveh niarake
taminao riha. Nefa laha misy hadisoa amiko, le riha ro hamono ahy; ka nagnino raho ro entenao agne amity
raenao?" [9]Hoe ty Jonatana:" Sagnatria aminao anie zay! Laha nahay raho fa nanapan-kevetre ty hanao raty anao
ty raeko, le tsy hirehake aminao vao raho?"[10]Le hoe Davida tamy Jonatana:" Ia ro hirehake amiko laha sagnatria
mamale anao amity rehake mafe ty raenao?" [11]Jonatana nanao tamy Davida hoe:" Andao, hindeha tika hiakatre
agne ambaibo." Ka niakatre tagne ambaibo iereo roe lahy.[12]Hoe Jonatana tamy Davida:" Yaveh, Zagnahare Israely
anie ro ho vavolombelo. Laha fa baka magnontane andraeko raho tehamaray amize lera zao, na amity andro
fahatelo, henteo, laha misy zaka-soa ho ahy Davida, feie tsy hagnirake ho agne aminao vaho hampahay anao vao
raho? [13]Laha mahafale andraeko ty hanao raty anao, Yaveh anie hanao zay amy Jonatana naho mihoatre aza laha
tsy mapahay zay aminao vaho mandefa anao raho, mba hindehananao ampilamina. Hiomba anao anie Yaveh,
manahake ty le fa niombane ty raeko.[14]Fa laha mboe velo kea raho, feie tsy hanoro ahy ty tsy fivaliham-
pagnenkea Yaveh vao riha, mba tsy ho mate raho? [15]Ko mandily ty tsy fivaliham-pagnenkeanao hiala amity
fokoko zisikezay__ne le foagna Yaveh eo amity tane aza ty fahavalo Davida iaby." [16]Naho Jonatana nanao
fagnenkea tamity foko Davida ka nanao ty hoe:" Yaveh anie hitake ty onetre eo amity tagna reo fahavalo
Davida."[17]Nampanao vava Davida ndraike ty Jonatana noho ty hateane aze, satria tea aze manahake ty fiteane ty
fagnahine avao re. [18]Le hoe Jonatana tamine:" Hamaray ty voaloham-bola. Ho tiarove riha satria foa ty sezanao.
[19]Laha fa nijano telo andro riha, le mizotroa malaky naho mindeha agne amity toera ze nihajanao laha fa teo
antagna ty raraha, naho mandignasa eo agnila ty vatolampy Ezela.[20]Handefa folose telo eo agnila zay raho, hoe ty
mitifitre zaka kendre. [21]Naho hagnirake ty ajalahiko raho ka hirehake amine ty hoe:' Andao paio reo folese.' Laha
mirehake amity ajalahy raho hoe:' Ingo, io agnilanao o reo folese; alao reo," le miavia; fa hisy fiaro naho tsy hisy
raty ho anao, laha mboe velo kea Yaveh.[22]"Nefa laha mirehake amity ajalahy raho ty hoe:' Ingo, ao afaranao reo
folese,' le mindehana amity lalanao, fa le fa nandefa anao ty Yaveh. [23]Laha ty amity fifagnaraha ze
nifanaovantika, ingo, eo agnivontika zisikezay Yaveh."'[24]Ka nihaja tagne ambaibo ty Davida. Laha fa avy ty
voaloham-bola, le nitoboke nihina sakafo ty mpanjaka. [25]Nitoboke teo amity sezane ty mpanjaka, manahake ty
fatao, teo amity seza teo agnila ty rindry. Nitsanga ty Jonatana, naho Abnera nitoboke teo agnila Saoly. Nefa foa ty
seza Davida.[26]Tsy mboe nirehake na ino ino Saoly tamio andro o, satria nidineke re hoe:" Nisy zaka nahazo aze.
Tsy malio re; azo antoke fa tsy malio re." [27]Fa tamity andro faharoe kea, ty hamaray ty voaloham-bola, le foa ty
seza Davida. Hoe ty Saoly tamy Jonatana anadahine:" Nagnino ro tsy niavy tamity fisakafoana ty anadahy Jese na
omale na androany?"[28]Jonatana namale Saoly ty hoe:" Nangatake lala mafe tamiko mba hindeha agne Betlehema
ty Davida. [29]Hoe re:' Engao rie raho mba hindeha. Fa ty fokonay manao soro ao antana, naho ty rahalahiko
nandily ahy ho agne. Henanezao, laha le fa nahisake saotre teo amasonao raho, le engao rie raho hindeha naho
hanente reo rahalahiko.' Zay ro antone tsy niaviane teo andataba ty mpanjaka."[30]Ka nirehetre tamy Jonatana ty
helo Saoly, naho hoe re tamine:" Riha ry anadahy ty mpivadike, ampela mpavande! Feie vao raho tsy mahay fa le
fa nifily ty anadahy Jese ho hamegnara ho anao, vaho ho hamegnara ty tsy fisikin-drenenao riha? [31]Fa laha mboe
velo eto antane ty anadahy Jese, le tsy ho tafa-petrake na riha na ty fanjakanao. Ka henanezao, alefaso naho ento
amiko atoy re, fa tsy maintsy ho mate vatane re."[32]Jonatana namale Saoly raene hoe:" Fa ino ro antone tokone
hamonoa aze? Ino ro nataone?" [33]Naho Saoly nanorake ty lefone tamine mba hamono aze. Ka le hay Jonatana fa
tapa-kevetre ty hamono Davida ty raene. [34]Nitsanga niala tam-pivignira teo amity latabatre naho tsy nihina
sakafo ty Jonatana ty andro faharoe ty vola, fa nalahelo i Davida re, satria nagnafa baraka aze ty raene.[35]Ty
maray, nindeha nimbaeo ambaibo tamity andro voatondro niarake tamy Davida ty Jonatana, vaho ty ajalahy


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

niarake tamine. 36Hoe re tamity ajalahine:" Milaisa naho paio reo folese ze natifiko." Naho laha nilailay ty ajalahy,
le tinifine folese tafarane ao. 37Laha fa niavy teo amity toera ze nitsatoha ty folese nalefa Jonatana ty ajalahy, le
nikaike ty ajalahy Jonatana bakeo, naho nanao ty hoe:" Feie tsy afaranao ao vao ty folese?"38Naho nikaike ty
ajalahy Jonatana hoe:" Tsiela, malakia, ko mijano!" Naho ty ajalahy Jonatana namory reo folese niakatre naho
nimbaeo amity tompone. 39Nefa tsy nahay na ino ino ty ajalahy. Jonatana vaho Davida avao ro nahay ty raraha.
40Namea Jonatana ty ajalahine reo zaka-fialia maho hoe re tamine:" Mindehana, ento agne antana reo."41Laha
vaho lasa ty ajalahy, le nitsanga bakao ambalike ty dongon-tane ty Davida, nihohoke teo amity tane, naho
niondreke intelo. Nifagnoroke vaho niara-nitagny iereo, naho Davida nitagny mafe. 42Hoe ty Jonatana tamy
Davida:" Mindehana ampilamina, satria le fa sambe nifanta tamity agnara Yaveh tika naho nanao ty hoe:' Yaveh
anie ho eo agnivontika, naho eo agnivo reo fokoko vaho reo fokonao zisikezay." Naho nitsanga Davida ka lasa, fa
Jonatana kea nihere tagne antana.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 21

1 Le niavy tao Noba ty Davida mba hanente i Ahimeleka mpisoro. Niavy mba hanalaka i Davida tamin-tahotre
Ahimeleka naho nanao tamine ty hoe:" Nagnino riha ro arere naho tsy misy miarake aminao?" 2 Hoe ty Davida
tamy Ahimeleka mpisoro ty hoe:" Nandefa ahy handefe irake ty mpanjaka naho nirehake tamiko hoe:' Ko enga
hisy hahay na ino ino miomba ty raraha ze hagnirahako anao, vaho ze handiliako anao.' Nanoro lala reo ajalahy
ho agne amina toera raike raho. 3 Ka ino are ro antagnanao zao? Ameo mofo lime raho, na ze zaka misy ato."
4 Namale Davida ty mpisoro ka nanao hoe:" Tsy misy mofo tsotra antagnako eto, fa kea misy mofo masy__laha
nahambe-bata tamity ampela reo ajalahy." 5 Davida namale ty mpisoro nanao hoe:" Nahambe-bata tamity ampela
vatane zahay zisike reo telo andro lasa, manahake ty fatao isake ty mindeha raho. Le fa natoka ty fanagna reo
lahilahy reo na le ho amireo irake tsotra aza. Maike aza voatoka ze hanagna iereo amizao!" 6 Ka le nagnomea aze
ty mofo ze voatoka ty mpisoro. Fa tsy nisy mofo laha tsy ty mofo ty fiatreha avao ty tao, ze le fa nafaha teo
agnoloa Yaveh, mba hametraha mofo vaovao eo amity toera zay tamity andro nagnafaha zay. 7 Naho ty raike
tamireo mpanompo Saoly ze tagne tamize andro zay, le voata teo agnoloa Yaveh. Doega Edomita ro agnarane, bey
reo mpiarake agnombe Saoly. 8 Le hoe Davida tamy Ahimeleka hoe:" Tsy misy lefo na meso azo ampiasae vao eo
antagnanao? Fa tsy nahafinday kea raho na ty mesoko na reo zaka-fialiako tamiko atoy, satria tena meke vatane
ty raraha ty mpanjaka." 9 Hoe ty mpisoro hoe:" Ty meso Goliata Filistina, ze vinononao tagne amity Baibo Elaha, ty
nifogno lamba ao ambaliky ty efoda ro ato. Laha teanao alae zay, le alao, fa tsy misy zaka-fialia hafa ato." Hoe
Davida ty hoe:" Tsy misy meso manahake ze raike zay; ameo ahy zay." 10 Le nitsanga Davida naho nilay i Saoly
tamize andro zay ka nimbaeo amy Akisa, mpanjaka Gata. 11 Reo mpanompo Akisa nirehake tamine hoe:" Tsy i
Davida, ty mpanjaka ty tane vao toy? Tsy toy vao ty nifampiantsa iereo tamity dihy ty hoe:' Saoly namono
agnarivone, naho Davida namono agnalene'?" 12 Rinae Davida ampo ze rehake zay ka natahotre mafe Akisa,
mpanjaka Gata re. 13 Nagnova ty fihetsene teo agnoloa iereo re ka nisare gege teo antana iereo; nanoratsoratre teo
amity lelam-bavahady re naho nengane hitsororoke tamity volom-bavane ty ivene. 14 Bakeo le hoe Akisa tamireo
mpanompone hoe:" Ingo, hisanareo fa lasa gege ty lahilahy. Nagnino ro nientene nareo tamiko eto re? 15 Tsy ampe
ndaty gege vao raho, ro le niente nareo tamiko eto io mba hanao fihetseke hoe io agnoloako eto? Hilitre ao
antragnoko vatane vao o nama ao?"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 22

[1]Naho niala tagne Davida ka nilay tao andava-bato Adolama. Laha naharey zay reo rahalahine vaho ty fokon-
draene iaby, le nizotro tagne amine iereo. [2]Ty ndaty iaby ze tao agnate fijalea, ty ndaty iaby ze tao agnate trosa,
naho ty ndaty iaby ze tsy fale__iereo iaby le nivory tamine ao. Lasa kapitene ty mpiambe teo amiereo ty Davida.
Nisy teo amity efa-jato lahy teo ro niarake tamine.[3]Naho niala teo ho agne Mizpa ao Moaba ty Davida. Hoe re
tamity mpanjaka Moaba ty hoe:" Mba mangatake rie ao ty raeko vaho ty reneko hiakatre hiarake aminao
mandram-pahaiako ze hataon'Agnahare ho ahy." [4]Nengane niarake tamity mpanjaka Moaba iereo. Ty raene vaho
renene nitoboke niarake tamine tamity andro iaby naha-tao amity fiarovane mafe i Davida. [5]Naho Gada
mpaminane nirehake tamy Davida ty hoe:" Ko mijano ao amity fiarovanao mafe. Mindeha naho mindehana agne
amity tane Joda." Ka le niala tao Davida naho nindeha tao amity ala i Hareta.[6]Rey Saoly fa hisake niarake tamireo
lahilahy ze niarake tamine ty Davida. Naho nitoboke tagne Gibea tambane ty hetae tamariska tao Rama ty Saoly,
niarake tamity lefone tegne antagnane, naho ty mpanompone iaby nitsanga nagnodidy aze.[7]Hoe ty Saoly tamireo
mpanompo nitsanga magnodidy aze:" Njanogno zao, ry vahoake Benjamina, feie vao hagnomea baibo vaho
tanem-boaloboke ho ahy ty kirai-kiraike bakaminareo ty anadahy Jese? Feie vao hanao anareo iaby ho kapitene
ty tafike agnarivone vaho anjatone re, [8]ho takalo ty dinegnareo iaby handietre ahy? Tsy nisy taminareo
nampahay ahy laha fa nanao fagnenkea tamity anadahy Jese ty anadahiko. Tsy nisy taminareo niferegnay ahy.
Tsy nisy taminareo nampahay ahy fa ty anadahiko le nandrisike Davida mpanompoko handietre ahy. Androany
le mihaja vaho mandy ahy re naho mete hanafike ahy."[9]Naho Doega Edomita, ze nitsanga teo amireo mpanompo
Saoly, namale hoe:" Hisako nimbaeo Noba ty anadahy Jese, tao amy Ahimeleka anadahy Ahitoba. [10]Nivavake tamy
Yaveh re mba hagnampeane aze, naho nameane aze ty vatse vaho ty meso Goliata Filistina."[11]Naho ty mpanjaka
nagnirake ndaty mba hikaike i Ahimeleka mpisoro anadahy Ahitoba vaho ty fokon-draene iaby, reo mpisoro ze
tao Noba. Ie iaby reo le niavy teo amity mpanjaka. [12]Hoe ty Saoly:" Njanogno are, ry anadahy Ahitoba." Le namale
re hoe:" Intoy raho, tompoko." [13]Naho hoe ty Saoly tamine:" Nagnino riha ro nidineke handietre ahy, riha vaho ty
anadahy Jese, tamity nagnomezanao aze mofo, vaho meso, naho nivavake tamin'Agnahare mba hagnampeane
aze, mba hitsanganane handietre ahy, mba hihaja agne amity tako, hoe ze nataone androany zao?"[14]Naho
Ahimeleka namale ty mpanjaka ka nanao ty hoe:" Ia tamireo mpanomponao iaby feie ro matoky vatane
manahake i Davida, vinanto lahy ty mpanjaka ro sady mpiambe anao avao kea, naho amean-kasy antragnonao
ao? [15]Androany asa ty andro voalohane nivavahako tamin'Agnahare mba hagnampeane aze? Sagnatria amiko
anie zay! Ko mamototre ty mpanjaka hagnisy na ino ino amity mpanompone na amity fokon-draeko iaby. Fa ty
mpanomponao le tsy mahay na ino ino ty amize raraha iaby zao."[16]Namale ty mpanjaka ty hoe:" Tsy maintsy ho
mate vatane riha, ry Ahimeleka, riha vaho ty fokon-draenao iaby." [17]Le nirehake tamity mpiambe nitsanga
nagnodidy aze ty mpanjaka nanao ty hoe:" Mitoliha naho vono reo mpisoro Yaveh. Satria ty tagna iereo avao kea
le miarake amy Davida, naho satria nahay iereo fa nilay re, kanefa tsy nagnambara zay tamiko. Fa reo
mpanompo ty mpanjaka nefa le tsy te-hamototre ty tagnane hamono reo mpisoro Yaveh.[18]Naho nirehake tamy
Doega ty mpanjaka ty hoe:" Mitoliha naho vono reo mpisoro. Le nitolike vaho nagnisy reo mpisoro ty Doega
Edomita; namono ndaty lime amby valompolo ze niakanjo efoda rongone foty tamize andro zay re. [19]Tamity lela-
meso, ro nanafihane i Noba, tana reo mpisoro, na lahilahy na ampela, kolo na aja, naho reo agnombe vaho reo
ampondra naho agnondry. Namono aze iaby tamity lela-meso re.[20]Fa raike tamireo anadahy Ahimeleke anadahy
Ahitoba, natao ty hoe Abiatara, nilay naho nagnorike i Davida. [21]Naho Abiatara nirehake tamy Davida fa vinono
Saoly reo mpisoro Yaveh.[22]Hoe ty Davida tamy Abiatara:" Haiko tamigne andro igne, fa laha tao Doeaga Edomita,
le tsy maintsy nirehake tamy Saoly re. Zaho ro tompon'asa tamity fate iaby tamity fokon-draenao! [23]Mijanogna
miarake amiko naho ko matahotre. Fa ty ndaty ze mifofo ty arofonao le mifofo ty ahy avao kea. Ho voaaro riha
miarake amiko."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 23

[1]Naho hoe iereo tamy Davida:" Ingo, mialy amy Keila ty Filistina naho mandrava reo famoloa." [2]Ka nivavake tamy
Yaveh Davida mba hagnampe aze ka nagnontane aze ty hoe:" Tokone hindeha hanafike reo Filistina reo vao
raho?" Naho hoe Yaveh tamy Davida:" Mindehana naho tafiho reo Filistina ka vonjeo ty Keila."[3]Naho hoe reo
lahilahy Davida tamine:" Ingo, matahotre tika eto Joda. Ka maike fa hindeha ho agne Keila ka hialy amireo tafike
ty Filistina?" [4]Le mboe nivavake tamy Yaveh ndraike Davida mba hagnampe aze. Namale aze Yaveh hoe:"
Mitsangana, mizotroa mbaeo Keila. Fa hameako anao ty fandresea reo Filistina."[5]Le nimbaeo Keila ty Davida
vaho reo lahilahyne naho nialy tamireo Filistina. Nientene lavitre reo biby hare naho nagnisy iereo tamity
famonoam-bey re. Ka voa vonje Davida ty ndaty Keila. [6]Laha fa nilay tagne amy Davida tao Keila ty Abiatara
anadahy Ahimeleka, le nindeha niarake amity efoda tegne antagnane re.[7]Naho natalily tamy Saoly fa nimbaeo
Keila ty Davida. Hoe ty Saoly:" Le fa namean'Agnahare ahy ho eo antagnako re. Ka voahily ao re satria nilitre tao
amity tana misy vavahady vaho vala." [8]Nampikaike ty tafine iaby ty Saoly mba hialy, hindeha ho agne Keila, naho
hanao faherano Davida vaho reo lahilahine. [9]Naho hay Davida fa manao heve-draty handiera aze ty Saoly. Naho
hoe re tamy Abiatara mpisoro hoe:" Ento atoy ty efoda."[10]Le hoe Davida:' Ry Yaveh, Zagnahare Israely, le fa rey ty
mpanomponao vatane fa Saoly le mipay hombaeo keila, mba handrava ty tana noho ty amiko. [11]Hanolotre ahy ho
eo antagnane vao ty ndaty Keila? Hindeha vao ty Saoly, arake ty rey ty mpanomponao? Ry Yaveh, Zagnahare ty
Israely, mangatake aminao raho, mangatake rie mba rehafo ty mpanomponao." Naho hoe Yaveh ty hoe:" Hindeha
re."[12]Le hoe Davida ty hoe:" Hatolo ty ndaty Keila ho antagna Saoly eo vao raho vaho reo lahilahiko? Le hoe Yaveh
ty hoe:" Hanolotre anao iereo."[13]Le nindeha ty Davida vaho reo lahilahine, ze tokone ho teo amity enenjato, ka
niala bakao Keila, naho nindeha nifindrafindra toera. Natalily tamy Saoly fa nilay bakao keila re, naho najanone
ty fagniagna. [14]Nijano tao agnate fiarova mafe tagne agnefetre ty Davida, tegne amity tane tazoa tagne agnefetre
Zifa. Nipay aze isanandro ty Saoly, nefa Zagnahare tsy nanolotre aze tantagnane eo.[15]Naho hisa Davida fa nifofo
ty aine ty Saoly; naho le fa tagne agnefetre ty Zifa agne Horesa ty Davida. [16]Naho Jonatana, anadahy Saoly,
nindeha ka nimbaeo amy Davida tagne Horesa, naho nagnamafe ty tagnane tao amin'Agnahare.[17]Hoe re tamine ty
hoe:" Ko matahotre. Fa tsy ho hisa ty tagna Saoly raeko riha. Riha ro ho mpanjaka eo amy Israely, naho zaho le ho
agnilanao eo. Hay Saoly raeko zay." [18]Nanao fagnenkea teo agnoloa Yaveh iereo. Le nijano tao Horesa ty Davida,
naho Jonatana noly tagne amity tanane.[19]Naho namonje Saoly tao Gibea reo Zifita ka nanao ty hoe:" Tsy Davida
vao ro mihaja agne aminay ao agnate ty batery fiaro mafe agne Horesa, agne amity tazoa Hakila, ty agne antimo
Jesimona? [20]Amizao mindeha, ry mpanjaka! Arake ty teanao, mindeha! Hanolotre aze ho eo antagna ty mpanjaka
ro anjaranay."[21]Naho hoe Saoly:" Yaveh anie hitahy anareo. Fa niferegnay ahy nareo. [22]Mindehana, anovo azo
antoke vatane. Haizo vaho paio ty toera ze ihajane vaho ze nahisake aze tagne. Natalily tamiko fa mahihitse
vatane re. [23]Ka henteo, naho haizo reo toera iaby ze hagnajane ty vatane. Le miheregna ndraike amiko atoy
hitalily mare kea, le hiarake aminareo hihere raho. Laha agne amity tane re, le hopaieko amireo Joda agnarivone
iaby."[24]Bakeo nitsanga iereo ka nimbaeo Zifa taloha Saoly. Naho tagne amity efetre ty Maona ty Davida vaho reo
lahilahine, tagne Araba antimo Jesimona. [25]Nindeha nipay aze Saoly vaho ty lahilahine. Fa natalily tamy Davida
zay, ka nindeha tagne amity tane tazoa bey-vato re naho nitoboke tagne agnefetre Maona. Laha fa naharey zay ty
Saoly, le nagnia Davida tagne antane efetre Maona re.[26]Naho Saoly nindeha tamity ila ty vohitse raike, Davida
vaho reo lahilahine kea tamity ilane raike hafa. Nindeha malaky ty Davida mba hihalavitre Saoly. Laha fa
nagnodidy Davida vaho ty lahilahine ty Saoly vaho ty lahilahine mba hangalake iereo, [27]le nisy mpinday rehake
namonje i Saoly ka hoe re tamine ty hoe:" Malakia ka avia, fa manao fanafiha handietre ty tane reo Filistina."[28]Le
nihere bakamity fagniagna i Davida ty Saoly naho nindeha nifanao tamireo Filistina. Laha zao ro nikaiha reo
toera reo ty hoe:" Vatolampy ty Filaisa. [29]Niakatre bakagne Davida ka nitoboke tao amireo fiaro mafe i En-jedy.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 24

[1]Laha fa nihere baka nagnia reo Filistina ty Saoly, le natalily tamine hoe:" Agne agnefetre En-jedy ty Davida."
[2]Bakeo Saoly le nangalake lahilahy telo arivo vaoamare bakamy Israely iaby naho nindeha nipay i Davida vaho
reo lahilahy tegne amity vatolampy reo Osen'ala.[3]Nimbaeo amity valan'agnondry tegne andala re, ty nisy zohy
raike. Nilitre tao mba hanao maloto ty Saoly. Naho Davida vaho reo lahilahine le nitoboke lavitre tao afarane tao
amity zohy. [4]Hoe reo lahilahy Davida tamine hoe:" Itoy andro ze nirehafa Yaveh laha fa nirehake taminao Re ty
hoe:' Hatoloko eo antagnanao reo fahavalonao, mba hanovanao ze teanao hatao amine."' Bakeo Davida nitsanga
naho nilaly moramora nindeha ka nandily ty moro ty akanjo lava Saoly.[5]Laha fa afake zay le nampijale aze ty
arofo Davida satria nandily ty moro ty akanjo lava Saoly re. [6]Hoe re tamireo lahilahine hoe:" Yaveh anie handrara
ty hanovako ze zaka zao amity tompoko, ty voahoso Yaveh, le ty hamotorako ty tagnako amine, laha mahisake fa
voahoso Yaveh re." [7]Le nirehake mafe reo lahilahy tamireo rehake reo Davida, naho tsy namototre iereo hagnisy
Saoly. Nistanga ty Saoly, naila ty zohy, naho nindeha tamity lalane.[8]Laha fa afake zay, le nitsanga avao kea Davida,
niala ty zohy, naho nikaike i Saoly ty hoe:" Ry mpanjaka tompoko." Laha fa nanente aze bakao afarane ty Saoly, le
nagnohoke ty tarehene tamity tane ty Davida naho nanoro fagnaja aze. [9]Hoe ty Davida tamy Saoly hoe:" Nagnino
riha ro midranjy reo lahilahy ze manao hoe:' Ingo, mipay hanao raty anao Davida?'[10]Amizao hisa ty masonao ty
fomba nametraha Yaveh anao teo antagnako tamintika tao anjohy. Ty ilane nirehake tamiko mba hamono anao,
fa nandefetre taminao raho. Hoe raho ty hoe:' Tsy hamototre ty tagnako amity tompoko raho; satria voahoso
Yaveh re.' [11]Ingo, ry raeko, henteo ty moron-tombon'akanjo lavanao eo antagnako. Fa ty antone nandiliako ty
moron-tombon'akanjo lavanao vaho tsy namonoako anao, le mba ho hainao vaho hisanao fa tsy misy raty na
fivaliha antagnako eto, naho tsy nanonta taminao raho, na le mihaza ty aiko mba hamono ahy aza riha.[12]Yaveh
anie hitsara ahy vaho riha, naho Yaveh anie hamale fate ahy aminao, fa ty tagnako le tsy tokone handietre anao.
[13]Arake ty rehafe ty ohabola ty ntaolo hoe:' Bakamity raty fagnahy ro hiavia ty haratia.' Fa tsy handietre anao ty
tagnako.[14]Ho ania ro niakara ty mpanjaka Israely? Ia ro sesehenao? Amboa mate! Parasy! [15]Yaveh anie ho
mpitsara vaho hagnomea fitsara ahy vaho riha, naho hanente amizay, naho hisolo vava ahy vaho hagnenga ahy
hilay amity tagnanao."[16]Laha fa baka nirehake reo rehake reo tamy Saoly ty Davida, le hoe Saoly ty hoe:" Feonao
vao zay, ry Davida anako?" Nagnakatre ty feone ty Saoly naho nitagny.[17]Hoe re tamy Davida hoe:" Mare vatane
riha mihoatre ahy. Satria namale sao ahy riha, laha fa namale raty anao raho. [18]Nambaranao amizao ty fomba
nagnanovanao soa tamiko, satria tsy namono ahy riha laha natao Yaveh teo antagnanao ty arofoko.[19]Fa laha misy
lahilahy mahisake ty fahavalone, le handefa aze ampilamina vao re? Yaveh anie hamale soa anao amize vitanao
tamiko androany. [20]Amizao, haiko fa ho mpanjaka vatane riha naho hatoboke eo antagnanao ty fanjaka Israely.
[21]Mifanta amiko amy Yaveh fa tsy handany reo fokoko afara riha, naho tsy hamoteke ty agnarako hiala amity
tragnon-draeko." [22]Laha zao le nanao fifanta tamy Saoly ty Davida. Bakeo le nindeha noly ty Saoly, fa Davida vaho
reo lahilahine kea nindeha nimbaeo amity fiaro mafe.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 25

1Naho nimate ty Samoela. Niarake-nivory ty Israely iaby naho nandala aze, le nienga iereo tagne antragnone
tagne Rama re. Le nindeha ty Davida naho nimbaeo agnefetre Parana.2Nisy lahilahy raike tagne Maona, ty tagne
Karmela ty fanagnane. Tena nanan-karea lahilahio. Nana agnondry telo arivo vaho ose arivo re. 3Nagnitrike ty
agnondrine tagne Karmela re. Nabala ro agnara ty lahilahy, naho ty agnara ty valine le Abigaila. Nahihitse
ampela ao naho soa tarehe. Fa ty lahilahy kea masiake vaho raty tamity fiaignane . Foko ty longo i Kaleba re.4Rey
Davida tagne agnefetre fa nagnitrike ty agnondrine ty Nabala. 5Ka le nandefa ajalahy folo re. Le hoe Davida
tamireo lahilahy:" Mindeha agne Karmela, mindehana agne amy Nabala, naho manalama aze amity agnarako.
6Ambarao nareo amine ty hoe:' Mivelogna agnate fagnambina. Filamina anie ho anao naho fiadagna anie ho ahy
ty fokonao, naho fiadagna anie ho ahy iaby ze hanagnanao.7Reiko fa mana mpagnitrike maro riha. Le fa niarake
taminay reo mpiarake agnondrinao, naho tsy mba nagnisy raty iereo zahay, naho tsy nisy na ino ino tsy ampe
tamiereo tamy mboe tagne Karmela. 8Agnontaneo ty ajalahinao, le ho rehafe iereo aminao. Naho engao reo
ajalahiko hahisake saotre eo amasonao, fa tsy maintsy avy zahay amity andro fete. Mba ameo rie na ino ino
hanagnanao eo antagnanao ho ahy reo mpanomponao naho ho ahy Davida anadahinao."'9Laha fa niavy ty
ajalahy Davida, le nirehafe iereo tamy Nabala ho ahy Davida iaby zay iaby zay, bakeo le nandy iereo. 10Namale
reo mpanompo Davida ty Nabala nanao ty hoe:" Ia ze Davida zao, naho ia ze anadahy Jese zao? Nisy mpanompo
maro ze nisara-dala tamity tompo iereo tamize andro zay. 11Tokone hangalake ty mofoko vaho ty ranoko naho ty
henako ze le fa vinonoko ho ahy ty mpagnitriko vao raho, naho hagnomea zay ho ahy ty ndaty ze tsy haiko kea
hoe bakaia?"12Ka le nihere naho nindeha noly ty ajalahy Davida, naho nirehake iaby ze voatalily tamine. 13Le hoe
Davida tamireo ndatine:" Apetaho ty meso ty ndaty kiarai-kiraike." Ka le nametake ty mesone ty ndaty kirai-
kiraike. Le nametake ty mesone avao kea ty Davida. Lahilahy teo amity efajato teo ro nagnorike Davida, naho
roanjato ro nijano teo agnila ty enta.14Fa nirehake tamy Abigaila, valy Nabala, ty raike tamireo ndaty, nanao hoe:"
Nandefa irake maro bakagne agnefetre mba hanalama ty tomponay tyDavida, naho rinati-raty iereo. 15Kanefa
tena soa taminay vatane ty ndaty. Fa tsy nisy raty nahazo anay naho tsy nisy tsy ampe taminay laha mboe
nindeha niarake tamiereo kea zahay tamy mboe tagne amireo baibo.16Manda ho anay iereo na andro na hale,
zisike ty niarahanay tamiereo niarake agnondry. 17Laha zao haio zay naho dineho ze hataonareo, fa misy raty
dinehe hatao amity tomponay, vaho ty fokone. Le ny raty fagnahy vatane re kay ka tsy misy raike afake mirehake
aze."18Bakeo Abigaila nangalake mofo roanjato malaky, divay roe tavoangy, agnondry voa voatre dime, fatran-
dango maike dime, mofo voaloboke zato, vaho ampempan'aviavy roanjato, naho natobone teo ambone reo borike
reo. 19Le hoe re tamity ajalahine:" Mindehana eo alohako, le hagnorike anao raho bakeo." Feie tsy nirehake tamy
Nabala valine re.20Laha fa nitikitre ty borikene re le nimbaeo agnila ty tazoa, Davida vaho reo ndatine nimbaeo
amine, naho nifankahisake tamiereo re.21Naho nirehake Davida hoe:" Tena zaka-foa ro niambenako iaby ze
fanagna lahilahy io tagne agnefetre, fa tsy nisy na ino ino robake iaby iaby zay, le vinalene raty ty soa nataoko
aze. 22Hanao hoe zay amiko anie ty Zagnahare, ry Davida, naho mihoatre aza, laha mamototre na le lahilahy raike
amireo ze aze raho zisike-maray."23Laha fa nahisake i Abigaila ty Davida, le nimbaeo malaky bakeo amity
borikene naho nandohaleke vaho niondreke naho nagnohoke ty vatane teo amity tane teo agnoloa Davida.
24Nandohaleke teo amity tombone re naho nanao ty hoe:" Ho amiko arere avao, ry tompoko, ty hamelofa. Engao
rie ty mpanomponao mba hirehake aminao, naho midranjigna reo reha ty mpanomponao.25Ao tsy hagnente io
Nabala, lahilahy raty fagnahy io ty tompoko, fa arake ty agnarane, le hoe zay avao re. Nabala ro agnarane, naho
miarake amine ty hagegea. Fa zaho mpanomponao le tsy nahisake reo ajalahy ty tompoko, ze nalefanao. 26Amizao
are, ry tompoko, laha mboe velo kea Yaveh, naho laha mboe velo kea riha, satria rinava Yaveh tamity
fampipohan-dio, vaho tamity famalea ty vatanao tamity tagnanao avao riha, le ao reo fahavalonao, vaho reo ze
mipay hanao raty amity tompoko, hanahake i Nabala.27Naho ao ty fomey ze le fa niente ty mpanomponao tamity
tompoko toy mba hatolotre ho ahy reo ajalahy ze magnorike ty tompoko. 28Mba engao rie ty hadisoa ty
mpanomponao, fa hananga toera azo antoke ho ahy ty tompoko vatane Yaveh, satria mialy ty aly Yaveh ty
tompoko; naho ty raty tsy ho hisake egne aminao laha mboe velo kea riha.29Na le mitsanga hagnia mba hagnafake
ty arofonao aza reo lahilahy, le fa ho fehe Yaveh Zagnaharenao amity fehea ty velo ty arofo ty tompoko; naho
hatorane ty arofo reo fahavalonao, eo amity foe ty pilatse.30Le hatao Yaveh amity tompoko reo iaby
nampagnantegnane anao, arake ty nanendreane anao ho mpinday eo amity Israely. 31Tsy ho enta-mavesatre ho
anao__ty nampipohanao lio tsy mana-tsiny, na noho ty nagnandrama ty tompoko hagnavotre ty vatane. Fa laha fa
hanao soa ho ahy ty tompoko Yaveh, le tiarovo ty mpanomponao."32Le hoe Davida tamy Abigaila:" Isaora anie
Yaveh, Zagnahare Israely, Re ty nandefa anao hifankahisake amiko androany. 33Ho tahie ty hamareanao, naho ho
tahie riha, satria le fa narovanao tamity fampipohan-dio vaho famalea fate ty vatako tamity tagnako avao raho!

[34]Fa laha ty mare, laha mboe velo kea Yaveh, Zagnahare Israely, Re ty niaro ahy tsy hamere anao, laha tsy nindeha
malaky hifankahisake amiko riha, le tsy ho nisy nienga ho ahy Nabala laha-tsy kolo lahy kele raike ty maray." [35]Ka
le nandrae ze nientene ho aze bakamity tagna Davida; hoe re tamine:" Mindehana ampilamina agne amity
fokonao; ingo, le fa nidranjy ty feonao raho, naho le fa nagnenke anao."[36]Le nihere tagne amy Nabala ty Abigaila;
ingo, nanao fagnafara tao antragnone re, hoe ty fagnafara ty mpanjaka; naho ty arofo ty mpanjaka fale tao
agnatene, satria mamo vatane re. Ka tsy nirehake na ino ino re zisike-maraindray.[37]Tamy ty maray, laha fa nisava
ty divay Nabala, le nirehafe valine tamine reo zaka reo; le nilofike tao agnatene ty arofone, naho nanjare hoe ty
vato re. [38]Naho folo andro tafara atoy le nagnisy i Nabala Yaveh ka mate re.[39]Laha fa rey Davida fa nimate ty
Nabala, le hoe re:" Isaora anie Yaveh, ty nahay ty fandratia ahy bakamity tana Nabala, vaho niaro ty
mpanompone tamity raty. Nampoly ty raty natao Nabala teo amity lohane avao re." Bakeo Davida nagnirake
naho nirehake tamy Abigaila, mba hangalake aze ho valy. [40]Laha fa niavy tagne amy Abigaila tagne Karmela reo
mpanompo Davida, le nirehake tamine iereo naho nanao ty hoe:" Nandefa anay ho atoy aminao ty Davida mba
hangalake anao ho valine."[41]Le nitsanga re, nagnohoke ty tarehene tamity tane, naho nanao hoe:" Ingo, ty
mpanompo vavenao le mpanompo hanasa ty tombo ty mpanompo ty tompoko." [42]Le nitsanga malaky ty Abigaila,
naho nitikitre ty borike niarake tamireo mpanompo vavene dime ze nagnorike aze; naho nagnorike reo irake
Davida re ka lasa valine.[43]Le nalae Davida ho valine avao kea Ahinoama Jezirela; le sambe lasa valine iereo roe.
[44]Naho kea, Saoly nanolotre i Mikala anakampelane, valy Davida, ho ahy Palty anadahy Laisa, ty bakagne Galima.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 26

[1]Niavy tagne amy Saoly tagne Gibea reo Zifita naho nanao ty hoe:" Tsy mihaja agne amity baibo Hakila, ze
mifagnatreke amy Jesimona vao ty Davida?" [2]Le nindeha ty Saoly ka nizotro nimbaeo amity efetre Zifa, ninday
lahilahy Israely voamare telo arivo niarake tamine, mba hipay i Davida agne antane efetre Zifa.[3]Nitobe teo amity
tazoa Hakila ty Saoly, ze nagnatreke Jesimona, teo amoron-dala. Fa nitoboke tagne agnefetre ty Davida, naho
hisane fa te hipay aze tagne agnefetre Saoly. [4]Ka nagnirake mpijilo ty Davida ka nahay fa tena avy vatane ty Saoly.
[5]Nitsanga ty Davida naho nindeha tagne amity toera ze nitobea Saoly; hisane ty toera nandrea Saoly, vaho Abnera
ana Nera, ty jeneraly ty tafine; nandre tao antobe ty Saoly, naho nitobe nagnodidy aze reo ndaty, sambe azon-
droro iaby.[6]Le hoe ty Davida tamy Ahimeleka Hitita, vaho tamy Abisay ana i Zeroia, rahalahy Joaba ty hoe:" Ia ro
hindeha hizotro ho agne amy Saoly ao antobe miarake amiko?" Hoe Abisay ty hoe:" Zaho! Hombaeo miarake
aminao raho." [7]Ka nimbaeo amity tafike ty Davida vaho Abisay ty haleke. Niroro tao antobe niarake tamity lefone
nitsatoke tamity tane teo agnila ty lohane ty Saoly. Nandre nagnodidy aze ty Abnera vaho reo miaramilane. [8]Le
hoe Abisay tamy Davida ty hoe:" Natobon'Agnahare ho eo antagnanao ty fahavalonao androany. Engao rie raho
amizao hitsoboke aze ho amity tane indraike avao amity lefo. Tsy hagnisy aze fagnindroene kea raho."[9]Hoe
Davida tamy Abisay ty hoe:" Ko mamono aze; fa ia ro afake mamototre ty tagnane hagnisy ty voahoso Yaveh ka
tsy ho meloke?" [10]Hoe ty Davida hoe:" Laha mboe velo kea Yaveh, le Yaveh ro hamono aze, na hoavy ty andro
hifatezane, na hindeha hialy re ka ho mate.[11]Ho rara Yaveh anie ty hamotorako ty tagnako hagnisy ty voahosone;
fa amizao, mangatake aminao raho, raeso ty lefo ze eo andohane vaho ty sinin-drano, naho andao hindeha." [12]Ka
le nalae Davida bakeo andoha Saoly ty lefo vaho ty sinin-drano, le niala iereo. Tsy nisy nahisake iereo na nahay
miomba zay, na nisy ndaty nifoha, fa azon-droro iaby iereo, satria nipoke tamiereo ty roro laleke bakamy Yaveh.
[13]Le nindeha tegne andafe ty Davida naho nitsanga teo ambone ty vohitse lavitre tegne; nisy halaviram-bey
nagnelagnela iereo. [14]Nitaba-taba mafe tamireo vahoake vaho Abnera ana i Nera ty Davida; hoe re ty hoe:" Tsy
mamale vao riha, ry Abnera?" Le namale Abnera ka nanao ty hoe:" Ia riha ty mikai-kaike ty mpanjaka zao?"[15]Hoe
ty Davida tamy Abnera ty hoe:" Tsy riha vao ty lahilahy bey herem-po? Ia ro manahake anao eto Israely? Nagnino
are riha ro tsy niambe ty mpanjaka tomponao? Fa nisy ndaty nilitre hamono ty mpanjaka tomponao. [16]Tsy soa ze
zaka nataonao zao. Laha mboe velo kea Yaveh, le soa ty ho mate riha satria tsy niambe ty tomponao, le ty
voahoso Yaveh. Amizao le henteo ze misy ty lefo ty mpanjaka vaho ty sinin-drano teo agnila ty
lohane!"[17]Nahatiaro ty feo Davida ty Saoly ka nanao ty hoe:" Feonao vao zay, ry Davida anadahiko?" Hoe ty
Davida ty hoe:" Feoko zay, ry mpanjaka, tompoko." [18]Hoe re ty hoe:" Nagnino ro maneseke ty mpanomponao ty
tompoko? Ino rie ro nataoko? Ino ro raty eo antagnako?[19]Amizao are, mangatake aminao raho, ao ty tompoko
mpanjaka hidranjy ty reha ty mpanompone. Laha Yaveh ro nanao anao handietre ahy, ao Re hagnenke fagnatetre
raike; fa laha ndaty zay, le ho voaozo eo amaso Yaveh anie re, fa nandroake ahy iereo androany, mba tsy
hipitehako amity lova Yaveh; hoe iereo tamiko ty hoe:' Mindehana manompo zagnaharen-kafa.' [20]Amizao are, ko
enga ho robake eo amity tane lavitre ty fiatreha Yaveh ty lioko; fa le fa niakatre hipay ty pia kele raike manahake
ty hihaza ty ndaty tsipoy raike agne amireo vohitse ty mpanjaka Israely."[21]Le hoe Saoly ty hoe:" Nanonta raho.
Miheregna, ry Davida, anadahiko; fa tsy hagnisy raty anao sase raho, satria lafo-vily teo amaso ty arofoko
androany. Ingo, nigege-gege raho naho nanao hadisoa raty vatane."[22]Namale ty Davida ka nanao ty hoe:" Ingo, toy
ty lefonao, ry mpanjaka! Ao hisy raike amireo ajalahy hitsake naho hangalake zay ka hinday zay agne aminao.
[23]Yaveh anie hamale ty ndaty kirai-kiraike noho ty hamareane vaho ty fatokiane iaby; satria nametrake anao teo
antagnako Yaveh androany, feie tsy nagnisy ty voahosone raho.[24]Ingo, hoe ty naha-lafo vily ty arofonao teo
amasoko androany, le enga anie ka hamean-kasy eo amaso Yaveh manahake zay ty arofoko, naho hagnavotre ahy
amity fijalea iaby anie Re." [25]Le hoe ty Saoly tamy Davida:" Ho tahie anie riha, ry Davida anako! Hanao zaka
foloay vatane riha naho hambine amizane." Ka nimbaeo tamity lalane ty Davida, naho nihere tagne amity
toerane ty Saoly.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 27

[1]Nirehake tao agnarofone ty Davida hoe:" Ho mate ty tagna Saoly raho ndraike andro agne; tsy misy soa ho ahy
laha tsy ty milay mbaeo amity tane reo Filistina; tsy hipay ahy era ty faritane ty Israely iaby sase ty Saoly; amize
lala zay ro hilaisako hiala amity tagnane."[2]Nitsanga ty Davida naho nindeha, re vaho reo lahilahy enen-jato ze
niarake tamine, ho agne amy Akisy ana i Maoka, mpanjaka Gata. [3]Nitoboke niarake tamy Akisy tao Gata ty
Davida, re vaho reo lahilahine, ty lahilahy kirai-kiraike miarake amity fokone iaby, naho Davida miarake amireo
valine roe, Ahinoma Jerizelita vaho Abigaila Karmelita, valy Nabala. [4]Natalily tamy Saoly fa nilay agne Gata ty
Davida, ka tsy nipay aze sase re.[5]Hoe ty Davida tamy Akisy:" Laha nahisake hatea teo amasonao raho, ao iereo
hagnomea toera ao amity tana raike eo amity firene ho ahy, ka hahafahako mitoboke agne: fa nagnino ty
mpanomponao ro hiarake hitoboke ao antana ty mpanjaka miarake aminao?" [6]Le namea Akisy aze ty andro o
Ziklaga; zay ro antone nahavy i Ziklaga ho ahy ty mpanjaka i Joda nanomboke tamize andro zay vatane.
[7]Herentao feno vaho efa-bola ro isa ty andro ze nitoboha Davida tagne amity tane reo Filistina.[8]Naho toera maro
isan-karazane ro tinafy Davida vaho reo lahilahine, nanao fanafiha tagne Gesorita, Gizrita, naho Amalekita;
satria reo firene reo le vahoake tao amity tane, laha hombaeo sora, ka zisikagne amity tane Egypta riha. Le fa
nitoboke tagne iereo taloha. [9]Nanafike ty tane Davida naho tsy nisy nengane ho velo na lahilahy na ampela;
nientene ty agnondrine, ty agnombe, ty ampondra, ty rameva, naho ty siky; naho nihere ho agne amy Akisy
ndraike re.[10]Le hoe ty Akisy ty hoe:" Ia ro tinafinareo androany?" Le namale ty Davida hoe:" Ty antimo Joda," na
"Ty antimo reo Jaramelita," na "Ty antimo reo Kenita."[11]Tsy nisy nenga Davida ho velo mba ho ente agne Gata na
lahilahy na ampela, fa hoe re ty hoe:" Mba tsy hahafaha iereo manao ty hoe:' Manao zao vaho zao ty Davida." Zay
ro nataone zisike ty andro iaby nitobohane tagne amity firene reo Filistina. [12]Nino Davida ty Akisy ka nanao ty
hoe:" Le fa nataone ze halaigna ty Israely vahoakene aze vatane; laha zao le ho mpanompoko zisikezay re."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 28

[1]Naho tamireo andro reo ty Filistina le nampivondro reo tafine hialy amity Israely. Hoe ty Akisy tamy Davida:"
Haizo soa fa hiakatre hiarake amiko ho agne antobe, riha vaho reo lahilahinao." [2]Hoe ty Davida tamy Akisy:" Ho
hainao ze afake hataonao ty mpanomponao." Hoe ty Akisy tamy Davida hoe:" Ka hataoko mpiambe ahy avao
riha."[3]Naho mate ty Samoela, naho ty Israely iaby nandala aze ka nandeve aze tao Rama, tao amity tanane.
Rinava Saoly tsy ho eo amity tane avao kea reo ze nirehake tamity mate na tamireo fagnahy. [4]Naho nivory
niarake reo Filistina naho niavy vaho nitobe tao Sonema; naho Saoly nampiharo reo Israely iaby, ka nitobe tao
Gilboa iereo.[5]Laha fa nahisake ty tafike reo Filistina ty Saoly, le natahotre re, naho nihorohoro mafe ty arofone.
[6]Nangatake fagnampea tamy Yaveh ty Saoly, kanefa tsy namale aze ty Yaveh__na tamity nofy, na tamy Orima, na
tamireo mpaminane. [7]Naho hoe ty Saoly tamireo mpanompone:" Ipaio ampela mirehake amity mate raho, mba
hahafahako mbaeo amine naho mipay hevetre amine." Hoe reo mpanompone tamine:" Ingo, misy ampela agne
Andora ze mirehake amity mate."[8]Nagnova vata ty Saoly, nanao akanjo hafa, naho nindeha, re vaho reo lahilahy
roe niarake tamine; nimbaeo amity ampela iereo ty hale. Hoe re:" Mangatake aminao raho, manova fikaiha ty
mate hoahy, miarake amity fagnahy, naho ento miakatre ze agnara rehafeko aminao." [9]Hoe ty ampela tamine:"
Ingo, hainao ze natao Saoly, ty nandravane ze mirehake amity mate na amireo fagnahy tsy ho eo amity tane. Ka
nagnino riha ro mametrake fandrike ho ahy ty arofoko, mba hamono ahy?" [10]Nifanta tamine tamity alala Yaveh ty
Saoly ka nanao ty hoe:" Laha mboe velo kea Yaveh, le tsy hisy fagnaliloa hahazo anao noho ze zaka zao."[11]Naho
hoe ty ampela:" Ia ro tokone ho enteko miakatre aminao eto?" Hoe Saoly:" Ento miakatre ho ahy ty Samoela."
[12]Laha nahisake Samoela ty ampela, le nikorake mafe re naho nirehake tamy Saoly nanao ty hoe:" Nagnino riha
ro namitake ahy? Fa Saoly riha."[13]Hoe ty mpanjaka tamine:" Ko matahotre. Ino ro hisanao?" Hoe ty ampela tamy
Saoly:" Mahisake zagnahare miakatre bakao amity tane raho." [14]Hoe re tamine:" Manahake ty ino ty toerane?"
Hoe re:" Lahilahy antetre ro baka niakatre; manao akanjo lava re." Hay Saoly fa i Samoela zay, ka nagnohoke ty
tarehene tamity tane re naho nanoro fagnaja.[15]Hoe Samoela tamy Saoly:" Nagnino riha ro nagnoronta ahy ka
ninday ahy niboake?" Saoly namale ty hoe:" Ore loatre raho, satria reo Filistina le mipay aly handietre ahy, naho
ty zagnahare niala ahy naho tsy namale ahy sase, na tamireo mpaminane, na tamireo nofy. Laha zao le nikaike
anao raho, mba hahafahanao mampahay ahy ze tokone hataoko."[16]Hoe ty Samoela:" Ino are ro agnontaneanao
ahy, satria niala anao Yaveh, naho lasa fahavalonao re? 17Natao Yaveh taminao ze le fa nirehafene hataone. Le fa
nagnafake ty fanjaka tsy ho eo antagnanao re naho nagnomea zay ho ahy ty ndaty hafa__ho ahy Davida.[18]Satria
riha tsy nagnenke ty feo Yaveh naho tsy ninday ty fireheta ty helone tamity Amalekita, le nataone taminao zay
androany. [19]Hafa zay, Yaveh le hanolotre anao vaho ty Israely ho eo antagna reo Filistina. Hamaray riha vaho reo
anagnao lahy le hiarake amiko. Hatolo Yaveh ho eo antagna reo Filistina avao kea ty tafike Israely."[20]Avio le lavo
niampatre tamity tane ty Saoly naho tena natahotre re noho reo reha Samoela. Tsy nisy here tao agnatene, satria
tsy nihinan-kane re zisike ty andro iaby, na tamity hale iaby. [21]Nimbaeo amy Saoly ty ampela naho nahisake fa
tena nikorontan-tsay re, hoe re tamine:" Ingo, ty mpanompo vavenao le fa nidranjy ty feonao; le fa natoboko teo
antagnako ty arofoko naho le fa nidranjy reo rehanao ze natalilinao tamiko.[22]Ka amizao, mangatake aminao raho,
dranjigno avao kea ty feo ty mpanompo vavenao, naho engao raho hametrake sakafo kele eo agnoloanao.
Mihinana mba hahazoanao here laha fa hindeha amity lalanao riha." [23]Fa Saoly nilietre naho nanao ty hoe:" Tsy
hihina raho." Fa reo mpanompone, niarake tamity ampela, nanere aze, ka le nidranjy ty feo iereo re. Ka nitsanga
bakeo amity tane re naho nitoboke teo ampandrea.[24]Nana anak'agnombe nifehe tao antragnone ty ampela;
nindeha malaky re naho namono zay; nangalake koba re, nangaro zay, naho nagnende ty mofo tsy misy lalivay
niarake tamizay. [25]Nientene teo agnoloa Saoly vaho reo mpanompone zay, naho nihina iereo. Naho nitsanga iereo
ka lasa ty hale igne.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 29

[1]Naho namory reo tafine iaby tao Afeka reo Filistina; [2]nitobe teo agnila ty loharano ze tagne Jezirela reo Israelita.
Zinara reo roandria ty Filistina anjatone vaho agnarivone ty miaramila; Davida vaho reo ndatine nindeha bakeo
amity mpiambe ty lala niarake tamy Akisy.[3]Naho hoe reo roandria ty Filistina:" Ino ro atao reo Hebreo reo atoy?"
Hoe Akisy tamireo roandrian-dahy Filistina hafa:" Fa tsy Davida vao io, ty mpanompo Saoly, mpanjaka Israely, ze
le fa niarake tamiko tamireigne andro reigne, na tamireigne tao reigne kea aza, naho tsy nahisake hadisoa
tamine raho hatramize niarahane tamiko ka zisikezao?"[4]Nefa reo roandria ty Filistina le meloke tamine; hoe
iereo tamine:" Alefaso mindeha agne ze lahilahy zay, ao re hihere agne amity toerane ze nameanao aze; ko enga
mindeha miarake amintika ho agne amity aly re, mba tsy ho lasa fahavalontika amity aly re. Fa ino ro hahafaha
io nama ao hilongo amy tompone? Feie vao tsy amity alala reo loha ty ndatintika?[5]Feie vao tsy io Davida ty
nifampiantsa iereo tamim-pandihia, nanao hoe:' Namono agnarivone ty Saoly, naho Davida namono
agnalene'?"[6]Naho Akisy nikaike Davida ka nanao tamine hoe:" Laha mboe velo kea Yaveh, le soa riha, naho teako
ty miarake-miakatre vaho miarake aminao ao amity tafike; fa tsy mboe nahisake hadisoa taminao raho hatramity
andro niavianao tatoy amiko ka hatramizao. Na le zay aza, le tsy tea reo roandria riha. [7]Ka amizao miheregna
naho mindehana ampilamina, mba tsy hampimeloke reo roandria ty Filistina riha."[8]Hoe ty Davida tamy Akisy:"
Fa ino ro nataoko? Ino ro hisanao tamity mpanomponao zisikamize naha-teo agnoloanao ahy ka zisikezao, ro le
tsy afake mindeha mialy handietre reo fahavalo ty tompoko mpanjaka raho?" [9]Namale ty Akisy ka nanao tamy
Davida hoe:" Haiko fa tsy manan-tsiny manahake ty anjelen'Agnahare eo amasoko riha; na le zay aza, reo
roandria ty Filistina le fa nanao ty hoe:' Tsy mahazo miakatre miarake amintika ho agne amity aly re.'[10]Ka amizao
mifohaza magneno akoho miarake amireo mpanompo ty tomponao ze niavy niarake taminao, vatane vaho
mifoha riha ty magneno akoho naho mazava ty andro, le mindehana." [11]Naho Davida nifoha magneno akoho, re
vaho reo ndatine, mba hiala maray, mba hihere agne amity tane ty Filistina. Nefa reo Filistina niakatre tagne
Jezirela.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 30

[1]Naho laha fa niavy tagne Ziklaga ty Davida vaho reo ndatine tamity andro fahatelo, le nanafike teo amity Negeva
vaho teo amy Ziklaga reo Amalekita. Nanafike i Ziklaga iereo, naho nagnoro zay, [2]naho nitsepake reo ampela
vaho ty ndaty iaby ze tao amizay, na kele na foloay. Tsy namono na ia ia iereo, fa ninday iereo laha nindeha
tamity lalane.[3]Laha fa nimbaeo amity tana Davida vaho reo ndatine, le fa may zay, naho reo valine, reo
anadahine, vaho reo anakampelane le nalae ho babo. [4]Bakeo le nagnaka-peo ty Davida vaho reo ndaty niarake
tamine naho nitagny zisike ty nampaleme aze.[5]Voababo reo valy Davida roe, Ahinoma Jezeralita, naho Abigaila
valy Nabala Karmelita. [6]Ore vatane ty Davida, satria nirehake miomba ty hitoraham-bato aze ty vahoake, satria
mafe ara-pagnahy ty vahoake iaby, ty ndaty kirai-kiraike noho ty amireo anadahine vaho reo anakampelane; fa
Davida nagnamafe ty vatane tamy Yaveh, Zagnaharene.[7]Hoe ty Davida tamy Abiatara ana i Ahimeleka, ty
mpisoro:" Mangatake aminao raho, ento amiko atoy ty efoda." Le niente Abiatara teo amy Davida ty efoda.
[8]Nangatake hevetre tamy Yaveh ty Davida, nanao ty hoe:" Laha io antoko o raho, ho azoko vao iereo?" Naho
Yaveh namale aze:" Seseho, fa azo antoke fa ho azonao vatane iereo, naho azo antoke fa hagnere ty zaka iaby
riha."[9]La nindeha ty Davida, re vaho reo enenjato lahy ze niarake tamine, naho niavy tagne amity rano i Besora
iereo, ty nijanogna reo ze tavela tagne afara. [10]Fa nanohy ty fagniagna ty Davida, re vaho reo efajato lahy; fa ty
roanjato nijano tao afara, ze vatane maleme ka tsy afake ty hindeha eo amity baibon-driake Besora.[11]Nahisake
Egyptiana raike tegne ambaibo iereo naho ninday aze tagne amy Davida; namea iereo mofo re, naho nihina;
namea iereo rano ho nome re; [12]naho namea iereo vakin-mofomamin'aviavy vaho tsilam-boaloboke roe re. Laha
fa nihina re, le nahazo ozatre ndraike, satria tsy nihina mofo na ninon-drano zisike ty telo andro vaho telo hale
re.[13]Hoe ty Davida tamine:" Ania vao riha? Bakaia riha?" Le hoe re:" Ajalahy Egyptiana raho, mpanompo ty
Amalekita raike; niala ahy ty tompoko satria narare raho telo andro zay. [14]Nanafike i Negeva ty Keretita zahay,
vaho ze ahy Joda, naho Negeva i Kaleba, naho noroanay ty Ziklaga."[15]Hoe ty Davida tamine:" Hinday ahy
hombaeo amity antoko mpanafike vao riha?" Hoe ty Egyptiana:" Mifanta amiko amin'Agnahare mba tsy
hamonoanao ahy na hamadihanao ahy eo antagna ty tompoko, le hinday anao hombeo amize antoko mpanafike
zay raho."[16]Laha fa ninday Davida nizotro ty Egyptiana, le nizara teo amity tane iaby reo mpanafike, nihina vaho
nino naho nandihy noho reo babo iaby ze nalae iereo tamity tane reo Filistina naho tamity tane Joda. [17]Nanafike
iereo ty Davida nanomboke ty hariva ka zisikamity hariva ty andro magnarake. Tsy nisy na ndaty raike aza
tafilay laha tsy reo ajalahy efa-jato, ze nitikitre rameva ka nilay.[18]Le tafimpoly Davida ze nalae reo Amalekita iaby;
naho voaavo Davida reo valine roe. [19]Tsy nisy zaka tsy ampe, na kele na foloay, na reo babo, na ty zaka iaby ze
nibaboe reo mpanafike ho ahy iereo. Nahere Davida ty zaka iaby. [20]Nalae Davida reo agnondry aman'ose taloha ty
biby hare hafa. Hoe iereo ty hoe:" Reo ro babo Davida."[21]Niavy tagne amireo ndaty roanjato ze vatane osa laha
hagnorike aze ty Davida, reo ze natao reo hafa nijano tagne amity rano Besora. Reo lahilahy reo le nindeha mba
hifankahisake amy Davida vaho reo vahoake niarake tamine. Laha fa niavy teo amireo ndaty reo ty Davida, le
nanalama iereo re. [22]Reo ndaty raty fagnahy vaho reo nama tsy misy ipaia aze teo amireo ze le fa nindeha niarake
tamy Davida nanao ty hoe:" Satria tsy nindeha niarake tamintika reo lahilahy reo, le tsy hagnomea iereo babo ze
le fa azontika tika. Laha tsy hoe afake mangalake ty valine vaho reo anane reo lahilahy kirai-kiraike, ka mitarike
iereo, naho mindeha."[23]Naho hoe ty Davida:" Tsy tokone hanao zay, amize le fa namea Yaveh antika, nareo ry
rahalahiko. Le fa narovane tika naho le fa natolone teo antagnantika reo mpanafike ze avy nandietre antika. [24]Ia
ro hidranjy anao amize zaka zay? Fa ty fizara le ho ahy ze mindeha amity aly, vaho ho ahy ty ndaty ze miambe ty
enta avao kea; fa hizara mitovy iereo." [25]Le hoe zay ty tamize andro zay ka zisikezao, satria natao Davida ho lily
vaho lala ho ahy Israely zay.[26]Laha fa niavy tagne Ziklaga ty Davida, le nandefa ty ilane tamireo babo ho ahy reo
olobey Joda, ho ahy reo namane re, nanao ty hoe:" Ingo, toy misy fagnomea ho anao bakamity babo bakamireo
fahavalo Yaveh." [27]Nandefa ty ilane tagne amireo olobey ze agne Betela avao kea re, naho ho ahy reo ze tagne
Ramota ty antimo, vaho ho ahy reo ze agne Jatira, [28]naho ho ahy reo ze agne Aroera, vaho ho ahy reo ze agne
Sifmota, naho ho ahy reo ze agne Estemoa.[29]Nandefa ty ilane tagne amireo olobey ze agne Rakala, vaho reo ze
agne amity tana Jeramelita, naho reo ze agne amity tana reo Kenita, [30]naho ho ahy reo ze agne Horma, vaho reo
ze agne Korsana, naho ho ahy reo ze agne Ataka, [31]vaho reo ze agne Hebrona, naho amireo toera iaby ze
nindehana Davida vaho reo ndatine mateteke re.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 31

[1]Naho reo Filistina nialy nandietre Israely. Naho ty lahilahy Israely nilay teo aloha ty Filistina naho lavo mate teo
amity Vohitse Gilboa. [2]Reo Filistina nagnia marine i Saoly vaho reo anadahine. Vinono reo Filistina ty Jonatana,
Abinadaba, naho Malkisoa, anadahine. [3]Niha-mafe teo agnoloa Saoly ty aly, naho reo mpandefa folese nahavoa
aze. Tao agnate ty hirifiry mafe re noho ty amiereo.[4]Naho hoe ty Saoly tamity mpinday fialiane:" Akaro ty
mesonao naho tomboho amizay raho. Laha tsy zay, reo tsy voasavatre reo ro hoavy ka hagnararaotre ahy." Fa tsy
nanao zay ty mpinday ty fialiane, satria natahotre mafe re. Ka nalae Saoly ty mesone naho nitonta tambone eo re.
[5]Laha fa hisa ty mpinday ty fialiane fa mate ty Saoly, le nitonta tambone ty mesone manahake zay kea re ka mate
niarake tamine. [6]Ka le mate ty Saoly, reo anane telo lahy, naho ty mpinday ty fialiane__reo lahilahy reo le niara-
mate tamity andro igne avao.[7]Laha fa hisa ty lahilahy Israely ze tegne andafe ty baibo, vaho reo ze tegne andafe
Jordana, fa nilay ty lahilahy Israely, naho mate ty Saoly vaho reo anadahine, le niala ty tanane naho nilay iereo,
naho avy reo Filistina ka nitoboke teo amireo. [8]Naho ty hamaray igne, laha fa avy hagnafake reo fate reo Filistina,
ro nahisaha i Saoly vaho reo anane telo lahy lavo teo amity vohitse Gilboa.[9]Tinampa iereo ty lohane naho nalaene
ty fialiane, naho nandefa reo mpinday talily nagnera reo tane reo Filistina mba hinday ty vaovao agne amity
tempolin-tsampe iereo vaho agne amity vahoake iereo. [10]Natobo iereo tao amity tempoly i Astarta ty fialiane,
naho ty vatane finehene teo amity manda ty tana i Beti-sana.[11]Laha naharey ze natao reo Filistina tamy Saoly ty
vahoake Jabesy Gileada, [12]le nitsanga reo lahilahy mpialy iaby naho nindeha ty hale iaby ka nangalake ty fate
Saoly vaho ty fate reo anadahine telo teo amity manada i Beta-sana. Nimbaeo Jabesa iereo naho noroane teo reo.
[13]Naho nalae iereo ty taola iereo bakeo ka naleve tambane ty hetae tamariska tao Jabesy, naho nifaly hane zisike
ty fito andro iereo.

# 2 Samuel

Chapter 1

[1]Tafara ty nafahate Saoly, le nihere bakagne amity fanafiha reo Amalekita ty Davida naho nijano tao Ziklaga
zisike ty roe andro. [2]Tamity andro fahatelo, le nisy lahilahy raike niarake tamity siky tsiatre vaho maloto teo
amity lohane ro avy bakagne amity tobe Saoly. Laha fa niavy teo amy Davida re le nihohoke tamity tane naho
nagnodreke ty vatane.[3]Hoe ty Davida tamine hoe:" Bakaia riha?" Namale re hoe:" Nilay bakagne amity tobe
Israely raho." [4]Hoe ty Davida tamine hoe:" Ambarao ahy rie ty natao ze zaka zay." Namale re hoe:" Nilay tamity
aly reo vahoake. Maro ro lavo naho maro ro mate. Saoly vaho Jonatana anadahine avao kea le mate." [5]Hoe
Davida tamity ajalahy hoe:" Nagnino ro hainao fa mate ty Saoly vaho Jonatana anane?"[6]Namale ty ajalahy hoe:"
Kindraike ro naha-teo amity vohitse Gilboa ahy, naho ingo Saoly nitehe tamity lefone, naho reo Kalese vaho reo
mpitikitse aze le teo ampitsepaha aze. [7]Niodin-kody Saoly naho nahisake ahy ka nikaike mafe ahy. La namale
raho ty hoe:' Intoy raho.'[8]Hoe re tamiko ty hoe:' Ia riha?' Namale aze raho hoe:' Amalekita raho.' [9]Hoe re tamiko
hoe:' Mitsangana rie agnilako eto naho vono raho, fa fijalea bey ro manjo ahy, kanefa mboe ato amiko ty fiay.'
[10]Laha zao le namonje teo amine raho naho namono aze, satria haiko fa tsy ho velo re tafara ty naha-tonta aze.
Bakeo le nalaeko ty satro-boninahetre ze teo amity lohane vaho ty fehen-tagna teo amity sandrine, naho reo
nienteko teo aminao reo, tompoko."[11]Bakeo le nandriatre reo sikine ty Davida, naho nanao hoe zay kea reo ndaty
iaby niarake tamine. [12]Nandala iereo, nitagny, naho nifaly hane ho ahy Saoly zisike hariva, ho ahy Jonatana
anadahine, ho ahy reo vahoake Yaveh, naho ho ahy ty foko Israely satria lavo tamity meso iereo. [13]Hoe ty Davida
tamity ajalahy ty hoe:" Bakaia riha?" Namale re ty hoe:" Ana ty mbahiny raike eo amity tane raho, Amalekita
raike."[14]Hoe ty Davida hoe:" Nagnino riha ro tsy natahotre namono ty mpanjaka voahoso Yaveh tamity tagnanao
avao?" [15]Nikaike ty raike tamireo ajalahy ty Davida naho nanao ty hoe:" Mindehana naho vono re." Ka nindeha ze
lahilahy zay naho nagnisy aze, ka mate ty Amalekita. Bakeo le nirehake tamity fate ty Amalekita ty Davida hoe:"
Eo amity lohanao ty lionao satria ty vavanao avao ro vavolombelo nandietse anao naho nanao hoe:' Namono ty
mpanjaka voahoso Yaveh raho.'"[17]Bakeo le niantsa ty antsa fandala momba Saoly vaho Jonatana anadahine toy ty
Davida. [18]Nibaiko ty vahoake re mba hagnanatre ze antsa ty Tsipika zay reo anadahy Joda, ze voasoratre ao amity
boke Jasara. [19]"Ty hasinao, ry Israely, le mate, vinono teo amity toeranao abo! He ty fahavalo ty mahere! [20]Ko
rehafe ao Gata zay, ko ambara egne amireo lily i Askelona, mba tsy ho afake hifale reo anak'ampela ty Filistina,
mba tsy hankalaza reo anak'ampela tsy vita savatse.[21]Ry vohitse Gilboa, tsy hisy mika vaho ora anie eo aminao,
na baibo misy voane ho fagnatetre, satria teo ty fiarova ty mahere ro voaloto. Ty fiarova Saoly le tsy voahosotre
amity menake sase. [22]Bakamity lio reo ze vinono, bakamity fate reo mahere, le tsy nihere ty folese Jonatana, naho

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

tsy niheren-koa ty meso Saoly.[23]Saoly vaho Jonatana le tea vaho mpamindra-arofo teo amity fiaigna, naho tsy nisahira iereo tamity fate iereo. Malaika noho ty voromahere iereo, natanjake noho ty liona. [24]Nareo ry anak'ampela Israely, mitagnia Saoly, ze nampisiky Jaky vaho ravake anareo, naho ze nametrake ravake volamena teo amity akanjonareo.[25]He ty fahavalo ty mahere teo agnivo ty aly! Vinono teo amity toera abo ty Jonatana. [26]Ore noho ty aminao raho, ry Jonatana rahalahiko. Tena malala tamiko riha. Mahisake ty fiteanao ahy, mihoatre noho ty fitea ty ampela. [27]He ty fahavalo ty mahere, vaho ty fahavalo reo zaka-fialia ty aly!



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Tafara zay le nagnontane Yaveh ty Davida naho nanao ty hoe:" Tokone hiakatre agne amity raike amireo tana i
Joda vao raho?" Namale aze Yaveh hoe:" Miakara." Hoe ty Davida hoe:" Agne amity tana aia ro tokone hombako?"
Le namale Yaveh hoe:" Agne Hebrona." [2]Laha zao le niakatre niarake tamireo valine roe Davida, le i Ahinoama
bakagne Jezirelita, vaho Abigaila bakagne Karmela, ty mpivem-bata nenga i Nabala. [3]Ninday reo ndaty ze niarake
tamine, ze sambe ninday ty fokone aby, ho agne amireo tana i Hebrona, ze nanomboke nitoboha iereo ty Davida.
[4]Bakeo niavy reo lahilahy bakagne Joda naho nagnosotre i Davida ho mpanjaka eo amity foko i Joda. Hoe iereo
tamy Davida ty hoe:" Reo ndaty Jabesi-gileada ro nandeve i Saoly." [5]Laha zao le nagnirake mpinday talily ho agne
amireo ndaty Jabesi-gileada ty Davida naho nirehake tamiereo hoe:" Tahie Yaveh nareo, satria nareo le nanoro ze
tsy fivaliha zay tamy Saoly tomponareo vaho nandeve aze.[6]Amizao haneho fagnen-keam-pilongoa tsy mivalike
vaho fatokisa aminareo anie Yaveh. Izaho avao kea le hanoro zay hasoava zay aminareo satria nanao ze zaka zay
nareo. [7]Ka amizao naho, ao hatanjake ty tagnanareo; managna herem-po fa mate ty Saoly tomponareo, naho ty
foko Joda nagnosotre ahy ho mpanjaka eo amiereo."[8]Fa Abnera anadahy Nera, mpifehe ty tafike Saoly, le
nangalake Isboseta anadahy Saoly naho ninday aze tagne Mahanaima. [9]Nanao i Isboseta ho mpanjaka i Gileada,
Asorita, Jezirela, Efraima, Benjamina, naho amy Israely iaby re.[10]Efapolo tao Isboseta anadahy Saoly ro
nanomboke nanjaka teo amy Israely, naho nanjaka zisike ty roe tao re. Fa nagnorike Davida ty foko Joda. [11]Fito
tao vaho enem-bola ty nadro nanjaka i Davida tamity foko Joda tao Hebrona.[12]Abnera anadahy Nera, naho reo
mpanompo Isboseta anadahy Saoly, le niala tao Mahanaima ho agne Gibeona. [13]Naho Joaba anadahy Zeroia vaho
reo mpanompo Davida le niakatre naho nifanoje tamiereo teo amity rano Gibeona. Tegne iereo ro nitoboke, ty
vondro raike teo agnilane ty rano naho ty vondro raike hafa teo andanene.[14]Hoe ty Abnera tamy Joaba ty hoe:" Ao
hitsanga vaho fifanao eo agnoloantika reo ajalahy." Le hoe ty Joaba ty hoe:" Ao hitsanga iereo." [15]Le nitsanga vaho
nirake nivory reo ajalahy, roe ambifolo bakamy Benjamina vaho Isboseta anagn'i Saoly, naho roe ambinifolo
bakamireo mpanompo i Davida.[16]Ty lahilahy kiraikiraike le sambe nitsepake ty nifanao tamine tamity lohane
vaho nanatoke ty mesone teo amity agnila ty mpifanao tamine, naho le niara-tonta iereo. ka le natao tamity
rehake Hebreo ty hoe:" Helkata-hazorima" na "Baibo-meso" ze toera zay, zay agne Gibeona. [17]Tena mafe ty aly
tamio andro o naho rese teo agnoloa reo mpanompo Davida i Abnera vaho reo lahilahy Israely.[18]Teo reo anagn'i
Zeroia telo lahy: Joaba, vaho Abisay, naho Asahela. Ty tombo i Asahela le malaky lia manahake ty gazela-lia.
[19]Naho Asahela nagnia marine i Abnera vaho nagnorike aze tsy niotake tamity lalane iaby.[20]Nanente ty tao afara
Abnera naho nanao ty hoe:" Riha vao io ry Asahela?" Namale re ty hoe:" Zaho toy." [21]Le hoe ty Abnera tamine ty
hoe:" Miotaha agne amity ankavananao na ty ankavianao, naho mitsepaha raike amireo ajalahy ka alao ty
fialiane." Fa tsy niotake Asahela.[22]Le hoe ndraike Abnera tamy Asahela ty hoe:" Ajanogno ty fagniagna nao ahy.
Nagnino raho ro tokone hagnisy anao amity tane? Hataoko akore ty hagnatre-bata i Joaba, rahalahinao?" [23]Fa tsy
nagnenke ty hiotake Asahela, naho le tinombo Abnera ty meson-defone ty vatane, ka niakatre bakao
andambosine ty lefo. Nikoropoke naho mate teo Asahela. ka ze ndaty niavy teo amity toera ze nampikoropoke
vaho nahafate i Asahela, le nijano vaho tsy nihetreke teo.[24]Fa hinia Joaba vaho Abisay ty Abnera. Laha fa
nitsofotre ty masoandro, le niavy teo amity tazoa i Ama, ty agnila Gia eo amoro ty lala mbaeo amity efetre
Gibeona iereo. [25]Niarake nivory tao afara i Abnera reo lahilahy Benjamina naho nitsanga teo ambone ty tazoa.
[26]Bakeo le nikaike i Joaba ty Abnera naho nanao ty hoe:" Tsy maintsy handrapake zisikezay vao ty meso? Tsy
hainao vao fa hafaitse zay agne amity farane? Mbia riha vaho hirehake ty ndatinao mba hijano tsy hagnia ty
rahalahine iereo? [27]Le namale Joaba ty hoe:" Laha mboe velo kea ty Zagnahare, laha tsy nirehake zay riha, le ho
nagnia reo rahalahigniereo zisike-maray reo miaramilako!"[28]Le nitioke ty anjomara Joaba, naho nijano ty ndatine
iaby ka tsy nagnia ty Israely sasy, na nialy kea iereo. [29]Zisike ze haleke zay le nindeha namakivaky i Araba ty
Abnera vaho ty ndatine. Nitsake i Jordana iereo, nindeha zisike ty maray iaby, naho le niavy tao Mahanaima.
[30]Nihere bake nagnia i Abnera ty Joaba. Namory ty ndatine iaby re, ka i Asahela vaho miaramila sive ambifolo
bakamy Davida ro tsy teo. [31]Fa reo ndaty Davida le namono 360 lahy tamity ndaty Benjamina ze niarake tamy
Abnera. [32]Bakeo le nalae iereo Asahela naho nalevena tao amity kiborin-draene, zay tao Betlehema. Naho Joaba
vaho reo ndatine nindeha ty haleke iaby, naho vaho maraim-bey iereo ro niavy tao Hebrona.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Naho nisy aly lava reigne teo amity foko i Saoly vaho ty foko i Davida. Nihamafe zisikagne ty Davida, fa ty foko
Saoly kea le nihanaleme zisikagne.[2]Niterake ajalahy tao Hebrona ty Davida. Ty lahilahy voalohane le i Amnona,
tamy Ahinoama bakagne Jezraela. [3]Ty anadahine faharoe, le i Kileaba, natera i Abigaila, ty mpivem-bata nenga i
Nabala bakagne Karmela. Ty fahatelo, le i Absaloma, anadahy Maka, anak'ampela i Talmay, mpanjaka i Gesora.
[4]Ty anadahy Davida fahaefatre, le i Adonia, anadahign'i Hagita. Ty anadahine fahadime le i Sefatia anadahign'i
Abitala, [5]naho ty fahaene le i Jitreama, anadahign'i Egla valy Davida. Reo anadahilahy natera i Davida tao
Hebrona.[6]Naho zisike ty aly teo amity foko Saoly vaho ty foko Davida le nihamafe tao antragnone ty Saoly i
Abnera. [7]Saoly le nana vaitsindrano atao ty hoe Rizpa, anak'ampela i Aia. Hoe ty Isboseta tamy Abnera ty hoe:"
Nagnino riha ro niarake niroro tamity valitsindranon-draeko?"[8]Naho le meloke mafe tamity reha Isboseta ty
Abnera ka nanao ty hoe:" Lohan'amboa zay ahy Joda vao raho? Amizao raho le manoro fatokia amity foko Saoly,
razambeinao, amireo rahalahine, naho amireo namane, mba tsy hanolotre anareo eo antagna i Davida. Fa
amizao riha le mitana ahy ty amity fanoan-draty mikasike ty ampela toy?[9]Ho ataon'Agnahare amiko anie zay, ry
Abnera, naho mihoatre aza, laha tsy hataoko amy Davida arake ze nifanta Yaveh tamine, [10]ty hamindra ty fanjaka
bakamy ty foko Saoly vaho hagnore ty sezen-droandria Davida eo amy Israely vaho eo amy Joda, zisikagne Dana
ka zisikagne Beri-sheba." [11]Tsy nana rehake hafa havale i Abnera sase ty Isboseta, satria natahotre aze re.[12]Bakeo
le nandefa mpinday talily nimbaeo amy Davida i Abnera mba hirehake ho aze manao ty hoe:" Ania ty tane toy?
Manova fagnenkea amiko, mba hinday ty Israely iaby ho aminao eo." [13]Namale ty Davida ty hoe:"Soa zay, hanao
fagnenkea aminao raho. Kanefa ty zaka raike takeko aminao le ty tsy hahisahanao ty vatako laha tsy entenao
aloha i Mikala, anak'ampela Saoly, laha fa avy hanente ahy riha."[14]Bakeo Davida nandefa mpinday talily nimbaeo
amy Isboseta, anadahign'i Saoly, nanao ty hoe:" Ameo ahy Mikala valiko, ze le fa naloako vily tamity lohatsitsy ty
Filistina zato." [15]Laha zao Ibsoseta le nampangalake i Mikala ka nangalake aze tamy Paltiela valine, anadahign'i
Laisy. [16]Nindeha niarake tamine ty valine, nitagny tegne ampindehana, naho nagnorike aze zisikagne Bahorima.
Naho hoe Abnera tamine ty hoe:" Miheregna agne antragno amizao." Ka nihere re.[17]Nirehake tamireo olobey
Israely Abnera nanao ty hoe:" Taloha nareo le niezake ty hana Davida ho mpanjaka eo aminareo. [18]Amizao anovo
zay. Fa Yaveh le fa nirehake tamy Davida nanao ty hoe:' Amity tagna Davida mpanompoko ro hamonjeako ty
Israely vahoakeko amity tagna reo Filistina vaho amity tagna reo fahavalogn'iereo iaby."'[19]Nirehake arere tamity
ndaty Benjamina avao kea Abnera. Bakeo le nindeha avao kea Abnera mba hirehake amy Davida ao Hebrona
mba hagnazava ty zaka iaby ze irie Israely vaho ty foko i Benjamina iaby ho tanterahe. [20]Laha fa niavy tao
Hebrona mba hifanoje amy Davida ty Abnera vaho ty roapolo tamireo lahilahine, le fa nagnoma kibory ho ahy
iereo ty Davida.[21]Naho Abnera nagnazava tamy Davida ty hoe:" Hitsanga raho ka hamory ty Israely iaby ho
aminao, ry mpanjaka tompoko, mba hahafaha iereo manao fagnenkea aminao, mba hahafahanao manjaka iaby
ze irieneo." Ka nandefa i Abnera ty Davida, naho Abnera niala tam-pilamina.[22]Ka niavy bakagne ampanafiha ty
miaramila i Davida vaho Joaba naho ninday gadra maro niarake tamiereo. Kanefa Abnera le tsy niarake tamy
Davida tagne Hebrona. Te fa nandefa aze ty Davida, naho niala tampifalea Abnera. [23]Laha fa niavy Joaba vaho reo
tafike iaby niarake tamine, le hoe iereo tamy Joaba ty hoe:" Avy teto amity mpanjaka i Abnera anagn'i Nera, naho
nalefa ty mpanjaka re, naho niala tampifalea i Abnera."[24]Bakeo le niavy teo amity mpanjaka i Joaba ka nanao ty
hoe:" Ino ro nataonao? Ingo, i Abnera le fa niavy teto aminao! Nagnino ro nalefanao re, ka nindeha? [25]Tsy hainao
vao fa i Abnera anagn'i Nera le niavy teto aminao mba hamitake anao vaho mba hahay reo dinenano naho
hamantatre iaby ze ataonao? [26]Laha fa niala i Davida Joaba, le nagnirake mpinday talily nagnorike Abnera re,
naho niente iereo nihere bakagne amity famorian-drano Siraha re, kanefa tsy haign'i Davida zay.[27]Laha nihere ho
agne Hebrona Abnera, le niente Joaba nihatake kele teo agnivo ty vavahady mba hirehake amine arere re. Teo
Joaba ro nitomboke aze tamity trone ka namono aze. Tamize fomba zay, ro namalea Joaba ty lio i Asahela
rahalahine.[28]Laha naharey ty momba zay Davida le hoe re ty hoe:"Zaho vaho ty fanjakako le tsisy tsiny zisikezay
eo agnoloa Yaveh mikasike ty lio Abnera anagn'i Nera. [29]Ao ty heleko ty amity fate i Abnera hipoke amity loha
Joaba vaho ty fokon-draene iaby. Tsy ho afake amity foko i Joaba anie ty ndaty ze mitsi-dio na ty arete-kolitse na
ze mandrava ka tsy maintsy mamindra amity tehe na ze tonta ty meso na reo tsy manan-kohane." [30]Hoe izay ro
namonoa Joaba vaho Abisay rahalahine i Abnera, satria namono i Asahela rahalahigniereo tagne agnaly tao
Gibeona re.[31]Hoe Davida tamy Joaba vaho reo ndaty iaby niarake tamine ty hoe:" Riato ty sikinareo, manaova
akanjo fandala, naho manaova fandala magnoloa ty fate i Abnera." Naho Davida mpanjaka le nindeha tao afara
ty fate tamity asa ty fandevegna. [32]Nalevegniereo tao Hebrona ty Abnera. Nitagny vaho nikorake mafe teo amity
kibory Abnera ty mpanjaka, naho nitagny avao kea ty ndaty iaby.[33]Nandala i Abnera ty mpanjaka ka niantsa ty
hoe:" Tokone ho mate manahake ty fate ty gege vao ty Abnera? [34]Tsy finehe ty tagnanao. Tsy nasia ravake vy ty


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

tombonao. Fa manahake ty fahavalo ty ndaty teo agnoloa reo ana ty tsy fahamarea, ro nahatonta anao." Naho
mboe nitagny aze ndraike ty ndaty iaby.[35]Niavy nampihina i Davida ty ndaty iaby laha mboe atoandro ty andro,
fa Davida nifanta ty hoe:" Hataon'Agnahare amiko anie zay, naho mihoatre aza, laha magnandra mofo na zaka
hafa raho aloha ty hitsofora ty masoandro." [36]Hay ty ndaty iaby ty alahelo Davida, naho nenkene iereo zay, arake
ty fagnenkeane iaby ze natao ty mpanjaka.[37]Ka taka ty ndaty vaho ty Israely iaby tamize andro zay fa tsy fagniria
ty mpanjaka ty hamono i Abnera anadahign'i Nera. [38]Hoe ty mpanjaka tamireo mpanompone ty hoe:" Tsy
hainareo vao fa roandria vaho ndaty bey ro mate agne Israely androany? [39]Fa osa raho amizao, na le mpanjaka
voahosotre aza raho. Reo lahilahy reo, reo anadahign'i Zeroia, le nahere vaike loatre tamiko. Hamale ty mpanao
raty anie Yaveh amity fagnaliloa aze ty amity faharatiane, arake ze mete amine."

Chapter 4

[1]Laha fa reign'Isboseta, anadahign'i Saoly, fa mate tagne Hebrona ty Abnera, le lasa naleme ty tagnane, naho
nikoronta Israely iaby. [2]Naho ty anadahign'i Saoly le nana roe lahy ty kapitene reo vondro reo miaramila. Ty
agnara ty raike le Bana naho ty raike hafa kea le i Rekaba, anadahign'i Rimona Berotita bakamity vahoake i
Benjamina(satria Berota avao kea le niraesene ho Benjamina, [3]naho reo Berotita niala tagne Gitaima ka nitoboke
tagne zisikezao andro zao).[4]Naho Jonatana, anadahign'i Saoly, le nana anadahy zay maleme ty tombone. Dime tao
re laha fa niavy tao Jezirela ty vaovao momba Saoly vaho Jonatana. Niente ty mpiteza aze mba hilay re. Kanefa
laha nilay igne re, le nitonta ty anagn'i Jonatana naho lasa maleme. Mefiboseta ro agnarane.[5]Laha zao reo
anadahign'i Rimona Berotita, i Rekaba vaho Bana, le lasa nindeha zisike ty hamay ty andro nimbaeo amity tragno
i Isboseta, tamire nialoke tamity mitatao vovogna. [6]Azon-droro ty ampela mpiambe varavara laha nitsionga vare,
naho Rekaba vaho Bana nindeha ampintsigna vaho nandrio aze. [7]ka laha fa nilitse tao amity tragno iereo, le
nanafike aze ka namono aze laha niroro teo ampandreane tao amity efetragnone re. Bakeo tinampa iereo ty
lohane naho nientene zay, naho nindeha tegne amity lala zisike ty hale iaby nimbaeo amity Araba.[8]Niente iereo
tagne amy Davida tao Hebrona ty loha Isboseta, naho hoe iereo tamy mpanjaka ty hoe:" Ingo, toy ty loha Isboseta
anadahign'i Saoly, fahavalonao, ty nifofo ty arofonao. Amizao Yaveh le namale fate ty mapanjaka tamy Saoly
vaho reo fokone." [9]Naho Davida namale i Rekaba vaho Bana rahalahine, reo anadahign'i Rimona ty Berotita; hoe
re tamiereo ty hoe:" Laha mboe velo kea ty Yaveh, zay nagnafake ty arofoko tamity koronta iaby, [10]laha fa nisy
ndaty nirehake tamiko ty hoe:' Ingo, mate ty Saoly,' midineke fa minday vaovao soa re, le tsinepako re naho
nivonoeko tagne Ziklaga. Izay ro valesoa nomeako aze noho ty vaovaone.[11]Lako fa, laha fa nisy lahilahy namono
ndaty tsy manan-tsiny tao amity tragnone arere teo amity fandreane, le tsy tokone hangatake ty lione eo
antagnanareo vao raho, naho magnafake anareo antane eo?" [12]Bakeo Davida nagnomea baiko reo ajalahy, naho
namono iereo ka nanampake ty loha vaho ty tombo iereo naho namonje iereo teo agnila ty kamory tao Hebrona.
Fa nalaeiereo ty baibo Isboseta naho nalevene tao amity kibory i Abnera tao Hebrona zay.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 5

[1]Bakeo ty foko Israely iaby nimbaeo amy Davida tagne Hebrona naho nanao ty hoe:" Ingo, nofotse vaho taolanao
zahay. [2]Mbe tsy mbia avao, te nanjaka teo amintika ty Saoly, le riha ro nitarike ty tafike Israelita. Yaveh nanao
taminao ty hoe:' Hiambe Israely vahoakenao riha, naho ho lasa mpandily eo am'Israely."'[3]Ka niavy tagne amity
mpanjaka tagne Hebrona reo olobey Israely iaby, naho Davida Mpanjaka nanao fagnenkea tamiereo teo agnoloa
Yaveh. [4]Nagnosotre i Davida ho mpanjaka teo amy Israely iereo. Telopolo tao Davida ro nanomboke nanjaka,
naho nanjaka zisike ty efapolo tao re. [5]Tagne Hebrona le nanjaka teo amy Joda zisike ty fito tao vaho enem-bola
re, naho tagne Jerosalema le nanjaka zisike ty telo amby telopolo tao teo amy Israely vaho Joda iaby re.[6]Nindeha
nimbaeo Jerosalema ty mpanjaka vaho reo ndatine mba handietse reo Jebosita, reo mpanompo ty tane. Hoe iereo
tamy Davida ty hoe:" Tsy ho avy eto riha laha tsy ty goa vaho ty mandrava ro hampihere anao. Tsy fake ty ho avy
eto Davida." [7]Na le zay aza, le nangalake ty fiaro mafe Ziona, aze tana i Davida amizao ty Davida.[8]Tamize andro
zay ty Davida nanao ty hoe:" Reo ze manafike ty Jebosita le tsy maintsy handrio amity lalan-drano mba hahazo ty
'mandrava vaho ty goa ze fahavalo Davida." Zay ro irehafa ty ndaty ty hoe:" Ty 'goa vaho ty mandrava' le tsy
mahazo militse ty lapa." [9]Ka nitoboke tao amity fiaro mafe i Davida naho nikaike ty hoe ty tana Davida.
Nihamafesene ty magnodidy zay, bakegne amity lavaranga mbaeo agnatene. [10]Lasa natanjake bey Davida satria
Yaveh, ty Zagnahare ty maro, ro niarake tamine.[11]Bakeo Hirama mpanjaka i Tyra nagnirake mpinday talily, vaho
hetae sedera, mpandrafetre, naho mpagnamboatre tragno tagne amy Davida. Nagnamboatre tragno ho ahy
Davida iereo. [12]Hay Davida fa le fa nametrake aze ho mpanjaka Israely ty Yaveh, naho le fa nagnakatre ty
fanjakane noho ty amy Israely vahoakene re.[13]Bakeo Davida niala tao Hebrona naho nindeha tagne Jerosalema,
nangalake valitsindrano vaho valy maromaro tagne Jerosalema re, naho nisy anadahy maro vaho anak'ampela
maro naterane. [14]Toa iaby ty agnara reo anake naterane tagne Jerosalema: Samoa, Sobaba, Nafega, Jafia,
[16]Elisama, Eliada, naho Elifeleta.[17]Naho laha fa rey reo Filisitina fa le fa voahosotre ho mpanjaka Israely ty Davida,
le niakatre iereo iaby mba hipay aze. Nefa naharey momba zay Davida le nindeha nizotro tagne amity fiaro mafe.
[18]Naho le niavy reo Filistina ka nizarazara tagne ambaibo i Refaima.[19]Le nipay vonje tamy Yaveh ty Davida. Hoe re
ty hoe:" Tokone hanafike reo Filistina vao raho? Hagnomea faharesea amiereo vao riha?" Hoe ty Yaveh tamy
Davida ty hoe:" Manafiha, fa hagnomea faharesea ho anareo eo amireo Filistina vatane raho." [20]Ka nanafike tao
Bala-Perazima ty Davida, naho tao ro nandreseane iereo. Nanoro hevetse re ty hoe:" Nisafoake tamireo
fahavaloko teo agnoloako manahake ty fisafoke ty safo-drano ty Yaveh." ka lasa Bala-Perazima ty agnara ze toera
zay. [21]Nienga reo Filistina teo ty sampe iereo, naho niente Davida vaho reo lahilahine lavitse reo.[22]Bakeo le
niakatre ndraike reo Filistina naho nizarazara fagnindroene tegne ambaibo Refaima. [23]ka le nipay vonje tamy
Yaveh ndraike ty Davida, naho hoe ty Yaveh tamine ty hoe:" Ko manafike ty magnoloa iereo riha, fa iario bakao
afara iereo naho mamonjea iereo eo amireo hetae balsama.[24]Laha fa maharey ty feon-diabey egne amity tioke
mitioke bakeo ambone ty hetae balsama riha, le ao hanafike amin-kere. Anovo zay satria hiakatre aloha nareo
maba hanafike ty tafike reo Filistina ty Yaveh." [25]Ka le nanao arke ze nandilia Yaveh aze ty Davida. Nivonoene
namototre tagne Geba ka zisikagne amity lala iaby mbaeo Gezera reo Filistina.

Chapter 6

[1]Naho le navory Davida niarake ndraike ty lahilahy Israely voafily iaby, telo ale. [2]Nindeha ty Davida naho nindeha niakatre tamireo lahilahine iaby ze niarake tamine nanomboke tagne Bala agne Joda mba hinday ty tomabilen'Agnahare, ze kaihe amity agnara ty hoe Yaveh tompo ty maro, ze mitoboke ampiambonea eo ambone ty kerobima bakagne.[3]Natobo iereo teo ambone kalese vaovao ty tomabilen'Agnahare. Nakare iereo tao amity tragno Abinadaba, ze teo amity tazoa raike zay. Oza vaho Ahio, anadahine, ro nitari-dala ty kalese vaovao. [4]Nakare iereo tao antragno Abinadaba teo amity tazoa ty kalese vaho ty tomabilen'Agnahare teo ambonene. Ahio ro nindeha teo agnoloa ty tomabile. [5]Bakeo Davida vaho ty foko Israely iaby nanomboke nitsinjake teo agnoloa Yaveh, nandaza tamity zaka-magneno vita tamity hetae, lokanga, valiha, ampongatampake, korintsa naho kipantso.[6]Laha fa niavy teo amity famoloa Nakona iereo, le nitonta ty agnombe, naho Oza namototre ty tagnane mba hitarike ty tomabilen'Agnahare, ka nita zay re. [7]Le nirehetre tamy Oza ty helo Yaveh. Nagnisy aze teo noho ty hadisoane ty Zagnahare. Mate teo agnila ty tomabilen'Agnahare ty Oza.[8]Meloke ty Davida satria nagnisy Oza ty Yaveh, naho le nataone hoe Perez-oza ty agnara ze toera zay. Ze toera zay le atao ty hoe Perez-oza zisikandroany. [9]Natahotre Yaveh ty Davida tamize andro zay. Hoe re ty hoe:" Ino ro hahavy ty tomabile Yaveh amiko atoy?"[10]Ka tsy nagniry ty hinday ty tomabilen'Agnahare niarake tamine ho ao amity tana Davida re. Fa kea, nahajane tao antragno Obede-edoma ty Gitita zay. [11]Nijano tao antragno Obed-edoma ty Gitita zisike ty telo vola ty tomabile Yaveh. Laha zao le tinahy Yaveh re vaho ty fokone iaby.[12]Naho nirehafene tamy Davida Mpanjaka hoe:" Le fa nitahy ty tragno Obed-edoma vaho ty zaka iaby ze aze ty Yaveh noho ty tomabilen'Agnahare." Laha zao le nindeha ty Davida naho ninday ty tomabilen'Agnahare niakatre bakao antragno Obed-edoma tamim-pifalea ho agne amity tana Davida. [13]Laha fa namindra ignene iereo ze ninday ty tomabilen'Agnahare, le nanao soro agnombe raike vaho anakagnombe mifehe re.[14]Nandihy teo agnoloa Yaveh tamity herene iaby ty Davida; efoda rongone foty malineke avao ro nanovane. [15]Laha zao le niente Davida vaho ty foko Israely iaby niakatre niarake tamity korake vaho ty feon'anjomara ty tomabile Yaveh.[16]Naho laha fa niavy tao antana Davida ty tomabile Yaveh, le nijilo teo andafonete ty Mikala, anakampela Saoly. Nahisake i Davida Mpanjaka nitseka vaho nandihy teo agnoloa Yaveh re. Bakeo le nanao tsinontsino aze tao ampone re. [17]Nampilire iereo ty tomabile Yaveh naho natobone teo amity toerane zay, teo agnivo ty tragno ze la fa namboare Davida ho ahy Zay. Bakeo Davida nanolotre fagnatetre oroa vaho fagnate-pilongoa teo agnoloa Yaveh.[18]Laha fa vita Davida ty fagnatetre oroa vaho ty fagnate-pilongoa, le nitso-drano ty vahoake tamity agnara Yaveh tompo ty maro re. [19]Ka le nizara mofo, teten-kena, naho mofomamy misy voaloboke tamity vahoake iaby, ty Israely iaby, tamity lahilahy vaho ty ampela re. Le lasa ty ndaty iaby; sambe nihere tagne antragnone iaby.[20]Le nihere mba hitso-drano ty fokone ty Davida. Mikala, ty anakampela Saoly, le niakatre mba hanalaka i Davida naho nanao ty hoe:" Hehe ty hasy ty mpanjaka Israely amizao, ze nagnary ty lambane teo amaso reo ndevo vave agnate reo mpirehake raty ty lany hegnatre magnary ty lambane!"[21]Davida namale Mikala hoe:" Nataoko teo agnoloa Yaveh zay, ze nifily ahy ho ambone ty raenao vaho ho ambone ty fokone iaby, ze nanendre ahy ho mpitarike eo amity vahoake Yaveh, eo amy Israely. Eo agnoloa Yaveh ro hifaleako! [22]Mboe tsy ho meten-kaja naho zay aza raho, naho ho afa-baraka eo amasoko avao raho. Kanefa amity alala reo ndevo vave ze nirehafenao reo, ro hagnomean-kasy ahy." [23]Laha zao ty Mikala, anakampela Saoly, le tsy nanagnanake zisikamity andro nifatezane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 7

[1]Laha fa nitoboke tao antragnone ty mpanjaka, naho laha fa nagnomea fitofa aze tamireo fahavalone magnodidy
aze iaby ty Yaveh, [2]le hoe ty mpanjaka tamy Natana mpaminane hoe:" Ingo, mitoboke amity tragno sedera raho,
fa ty tomabilen'Agnahare kea mijano ao agnivo ty tragno."[3]Le hoe Natana tamity mpanjaka hoe:" Mindehana,
anovo ze ao amponao, fa hiomba anao Yaveh." [4]Kanefa tamio hale eo avao le niavy tamy Natana ty safa Yaveh,
naho nanao ty hoe: [5]"Mindehana naho ambarao Davida mpanompoko ty hoe:' Ia ro ambara Yaveh:
Hagnamboatre tragno hitoboha ho ahy vao riha?[6]Fa tsy nitoboke tao antragno Raho zisikamity andro ze
nindaisako ty vahoake Israely niakatre bakao Egypta zisikamizao amdro amizao zao; fa kea, nifindrafindra
tragno raho, le ty tabernakele. [7]Tagne amity toera iaby Ze nifindrako niarake tamity vahoake Israely iaby, feie
nirehake na ino ino tamireo mpitarike Israely ze tinondroko hiambe ty Israely vahoakeko vao raho, nanao ty
hoe:" Nagnino nareo ro tsy nagnamboatre tragno sedera ho ahy?""[8]Ka amizao are, rehafo ty Davida mpanompoko
ty hoe:" Zao ro ambara Yaveh tompo ty maro:' Nalaeko bakegne amity baibo riha, tamity fagnoriha reo agnondry,
mba ho mpandily Israely vahoakeko riha. [9]Niarake taminao avao raho na taia aia nombanao. Nalaeko teo
agnoloanao iaby ty fahavalonao iaby. Amizao hataoko foloay ty agnaranao, manahake ty agnara reo bey teto
antane.[10]Hifily toera raike ho ahy Israely vahoakeko Raho naho hambole iereo agne, mba hivelo ao amity toera
iereo arere iereo naho tsy ho voakoronta sase ty ndaty raty fagnahy, hoe ty natao iereo taloha, [11]hoe ty natao iereo
zisikamity andro nandiliako reo mpitsara mba handily Israely vahoakeko iaby. Amizao raho le hagnomea fitofa
anao amireo fahavalonao. Fagnampe zay, Zaho, Yaveh le magnombara aminao fa hanao tragno ho anao raho.
[12]Laha fa tampetre ty andronao naho homate miarake amireo razambeinao riha, le hananga foko handimbe anao
raho, ze ho bakamity vatanao, naho hampitoereko ty fanjakane. [13]Hagnamboatre tragno ho ahy ty agnarako re,
naho hametrake ty sezan-droandria ty fanjakane zisikezay Raho. [14]Ho raene raho, naho re ho anako. Laha fa
manonta re, le hagnanatre aze amity tsilan-ketae ty ndaty vaho amity famofoha ty ndaty raho.[15]Fa ty fatokiako le
tsy hiala aze, laha nalaeko tamy Saoly zay, ty nafahako talohanao. [16]Ty tragnonao vaho ty fanjakanao le ho soa
zisikezay eo agnoloanao. Hitoboke zisikezay ty sezan-droandrianao."' [17]Le nirehake tamy Davida ty Natana naho
nitao tamine reo safa iaby reo, naho rinehane tamine ty miomba ty fahisaha iaby iaby.[18]Le nilitre Davida
Mpanjaka naho nitoboke nagnoloa Yaveh ka nanao hoe:" Ia raho, ry Yaveh Zagnahare, naho ino ty fokoko ro
nientenao ho amize fagniria zao raho? [19]Naho zaka kele eo amasonao zay, ry tompo Yaveh. Nirehake miomba ty
foko ty mpanomponao ty amize foloay ho avy Riha, naho nanoro foko afara tamiko, ry Tompo Yaveh! [20]Ino ro
mboe azoko, zaho Davida, ambara aminao? Nagnomea hasy ty mpanomponao Riha, ry Tompo Yaveh.[21]Noho ty
amity rehanao, vaho mba hahalefe ty fagnirianao arere, le nanao ze zaka-foloay zao Riha naho nanoro zay tamity
mpanomponao. [22]Laha zao le foloay riha, ry tompo Yaveh, satria tsy misy mitovy aminao, naho tsy misy
Zagnahare hafa tsy riha, arake ze rey ty sofinay avao. [23]Ino ro firene hoe Israely vahoakenao, ty firene eto antane
zay, nombanao Zagnahare vaho vinonjenao zao mba ho lasa vahoake ho anao iereo, mba hanao agnara ho ahy
vatanao, naho mba hanao asa bey vaho mampitahotre ho ahy ty tanenao. Nandroake reo firene vaho reo
zagnahare iereo teo agnoloa ty vahoakenao, ze vinonjenao bakao Egypta Riha.[24]Natobonao hoe ty vahoakenao
arere zisikezay Israely, naho Riha, Yaveh, le lasa Zagnahare iereo. [25]Ka amizao, ry Yaveh Zagnahare, enga anie
hatoboke zisikezay ty fampagnantegna ze nataonao mikasike ty mpanomponao vaho ty fokone. Anovo arake ze
nirehafenao. [26]Ho bey zisikezay anie ty agnaranao, ka hirehake ty vahoake hoe:' Yaveh tompo ty maro ro
Zagnahare Israely,' laha atoboke agnoloanao, ty tragnoko, Davida mpanomponao.[27]Satria Riha, Yaveh tompo ty
maro, ty Zagnahare Israely, ro nagnambara tamity mpanomponao fa fagnore tragno ho aze Riha. Zay ro antone,
nahisahako, zaho mpanomponao, harisiha hivavake Aminao. [28]Amizao, ry Tompo Yaveh, le Zagnahare riha, naho
soam-patokia ty rehanao, naho nanao io fampagnantegna soa ao tamity mpanomponao riha. [29]Ka amizao are, ao
hahafale Anao ty hitahy ty tragno ty mpanomponao, mba hitohy eo agnoloanao zisikezay zay. Satria Riha, ry
Tompo Yaveh, ro nirehake reo zaka reo, naho tamity tso-dranonao ro nitahia zisikezay ty tragno ty
mpanomponao."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 8

1Tafara zay le nanafike reo Filistina ty Davida ka naharese iereo. Laha zao le nalae Davida tsy ho eo amity fifehea
reo Filistina ty Gata vaho reo anabohine.2Le naharese ty Moabita re ka nanao ty ndaty iereo tamity folese tamity
fampandrea iereo teo amity tane. Nanao indroe ty folese re mba hamonoa, naho indraike avao mba hitana ho
velo. Ka le lasa mpanompo Davida reo Moabita naho nanomboke nandoa hetra tamine.3Ka le rese Davida ty
Hadadezera ana i Rehoba, ty mpanjaka Zoba, laha lasa nampoly ty fanjakane teo amoro ty Rano Eofrata ty
Hedadezera. 4Nangalake kalese 1.700 vaho miaramila antomboke roe ale bakamine ty Davida. Trinengo Davida
iaby ty kalesen-tsovale iaby, fa nanoka ze tokone ho ampe ty kalese zato tamiereo re.5Laha fa niavy hagnampe i
Hadadezera mpanjaka Zoba ty Syriana bakagne Damaskosy, le namono lahilahy Syriana roa arivo vaho roa ale ty
Davida. 6Bakeo Davida nametrake miaramila tagne Syria agne Damaskosy, naho lasa mpanompone ka nandoa
hetra tamine ty Syriana. Nampaharese Davida tegne amiaby ze nombane ty Yaveh.7Le nalae Davida ty ampinga
volamena ze tagne amity mpanompo i Hedadezera ka nientene tagne Jerosalema reo. 8Bakeo Davida mpanjaka le
nangalake varahy maro le maro bakao Beta vaho Berotahy, tana i Hadadezera.9Laha fa rey Toy, mpanjaka
Hamata, fa naharese ty tafike Hadadezera iaby ty Davida, 10le nirahe Toy ho agne amy Davida mpanjaka ty
Jorama anane mba hanalama aze vaho hitso-drano aze, satria Davida nialy tamy Hadadezera ka naharese aze,
naho satria Hadadezera le nialy tamy Toy. Gorama le ninday zaka vita tamity volafoty, volamena naho varahy
niarake tamine.11Davida mpanjaka le nanoka reo zaka reo ho ahy Yaveh, niarake tamity volafoty vaho volamena
reo firene iaby ze resene__12bakamity Syria, Moaba, reo ndaty Amona, reo Filistina, vaho ty Amalekita, niarake
tamireo enta iaby voarobake tamy Hadadezera ana i Rehoba, mpanjaka Zoba.13Hay laza ty agnara Davida laha fa
baka nangalake ty Syriana tagne amity baibon-tsira, niarake tamireo lahilahy valo arivo vaho ray ale iereo.
14Nametrahane miaramila magnera Edoma iaby, naho ty Edomita iaby le lasa mpanompone. Naho Yaveh
nampaharese i Davida tegne amiaby ze nombane.15Nanjaka teo amy Israely iaby ty Davida, naho ninday ty rarene
vaho ty fahitia tamity ndatine iaby re. 16Joaba ana i Zeroia ro mpifehe ty tafife, naho Josafata ana i Ahiloda ro
mpikarakara. 17Zadoka ana i Ahitoba vaho Ahimeleka ana i Abiatara ro mpisoro, naho Seraia ro mpanora-dala.
18Benaia ana i Joiada ro nita reo Heretita vaho reo Paletita, naho reo ana i Davida ro mpagnomea hevetre ty
mpanjaka.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 9

[1]Hoe Davida ty hoe:" Misy ndaty tafijano ze azoko anoroa hasoam-pagnahy noho ty amy Jonatana vao ao amity
foko i Saoly?" [2]Nisy mpanompo raike atao ty hoe: Ziba tao amity foko Saoly, naho nikaike aze ho agne amy Davida
iereo. Hoe ty mpanjaka tamine hoe:" Riha vao ro Ziba?" Le namale re hoe:" Eka, mpanomponao raho."[3]Ka hoe ty
mpanjaka hoe:" Tsy misy ndaty tavela ze azoko anoroa ty hasoam-pagnahyn'Agnahare vao bakao amity foko
Saoly?" Namale ty mpanjaka ty Ziba hoe:" Jonatana le mboe managnanake lahy, ze maletse tomboke." [4]Hoe ty
mpanjaka tamine hoe:" Aia re?" Le namale ty mpanjaka ty Ziba hoe:" Ingo, ao antragno Makira anadahy Amiela
agne Lo-debara re."[5]Bakeo Davida mpanjaka nagnirake aze vaho nampiakatre aze tao antragno Makira anadahy
Amiela bakagne Lo-debara. [6]Laha zao Mefiboseta ana i Jonatana anadahy Saoly, le nimbaeo amy Davida naho
nagnohoke ty tarehene teo amity tane ho hasy Davida. Hoe ty Davida hoe:" Mefiboseta." Le namale re hoe:" Ingo,
mpanomponao raho!"[7]Hoe ty Davida tamine hoe:" Ko matahotre, fa hanoro hasoam-pagnahy aminao ho ahy
Jonatana noho ty amity raenao vatane raho, naho hagnere aminao ty tane Saoly razanao iaby raho, naho hihina
eo andatabako zisikagne riha." [8]Nihohoke ty Mefiboseta naho nanao hoe:" Ino ty mpanomponao, ro tokone
hagnente amin-tsaotre amboa mate manahake ahy riha?"[9]Bakeo ty mpanjaka le nampikaike Ziba, mpanompo
Saoly, naho nanao tamine hoe:" Ze ahy Saoly vaho ty fokone iaby le nameako ty zafe ty tomponao. [10]Riha, reo
anadahinao, naho reo mpanomponao le tsy maintsy miasa ty tane ho aze naho tsy maintsy mihaza ty vokatre
riha mba hanagna ty zafe ty tomponao hane ho hane. Fa Mefiboseta, zafe ty tomponao, le tsy maintsy hihina
zisikagne eo andatabako." Naho Ziba le nanagnanake lahy dime amby folo vaho mpanompo roapolo.[11]Bakeo Ziba
nirehake tamity mpanjaka hoe:" Hatao ty mpanomponao iaby ze andilia ty mpanjaka tompoko ty mpanompone."
Le nampea ty mpanjaka hoe: [12]"Laha ty amy Mefiboseta le hihina eto andatabako re, hoe ty raike amireo anadahy
ty mpanjaka." Nanagnanake lahy kele atao ty hoe Mika ty Mefiboseta. Te iaby ze nitoboke tao antragno Ziba le
mpanompo Mefiboseta iaby. [13]Ka le nitoboke tagne Jerosalema Mefiboseta, naho nihina teo andataba ty mpanjaka
zisikagne re, na le naletse aza ty tombone roe.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Tafara atoy le mate ty mpanjaka ty vahoake Amona, naho lasa mpanjaka teo amity toerane ty Hanona
anadahine. [2]Hoe ty Davida hoe:" Hanao soa amy Hanona ana i Nahasy raho, manahake ty nagnanovan-draene
soa tamiko." Ka le nandefa reo mpanompone hagnamafe i Hanona mikasike ty raene ty Davida. nilitre tao amity
tane ty vahoake Amona reo mpanompone. [3]Feie hoe reo mpitarike ty vahoake Amona tamy Hanona tompo iereo
hoe:" Midineke vatane vao riha fa magnomea hasy ty raenao ty Davida satria nandefa reo mpanompone
hagnamafe anao re? Tsy le fa nandefa reo mpanompone taminao vao ty Davida mba hagnente ty tana, hijilo zay,
mba handrava zay?"[4]Ka tsinepa Hanona reo mpanompo Davida, hinarane ty antsasa ty volombava iereo,
tinampane zisikegne amity foto-pene ty akanjo iereo, naho rinoane. [5]Laha fa nagnazava zay tamy Davida iereo, le
nandefa ndaty hanalaka iereo re, satria afa-baraka vatane reo lahilahy. Hoe ty mpanjaka hoe:" Mitoboha ao
Jeriko mandram-pitiry ty volombavanareo ndraike, naho miheregna bakeo."[6]Laha fa hisa ty vahoake Amona fa
lasa mangily holitre amy Davida iereo, le nandefa mpinday talily ty vahoake Amona naho nagnarama reo
Syriana bakao Beti-rehoba vaho Zoba, miaramila nindeha antomboke roe ale, vaho lahilahy arivo tamity
mpanjaka Maka, naho lahilahy roa arivo vaho ray ale tamireo ndaty Toba. [7]Laha fa naharey zay ty Davida, le
nandefa i Joaba vaho ty tafike miaramila iaby re. [8]Niavy reo Amonita naho nilahatre hialy teo amity filira teo
amity vavahady ty tana iereo, laha mboe nitsanga teo amity baibo malalake reo Syriana bakagne Zoba vaho
Rehoba, naho reo ndaty bakagne Toba vaho Maka.[9]Laha fa nahisake reo fahavalo teo agnoloane vaho tao afarane
ty Joaba, le nifily ty ilane tamireo ze mahay mialy vatane re naho nandamy iereo hialy amireo Syriana. [10]Laha ty
amireo tafike sisa tavela, le nitolorane ho baikoe Abisay rahalahine, ka nalahane hialy amity tafike Amona iereo.
[11]Hoe ty Joaba hoe:" Laha mafe loatre ho ahy reo Syriana, le riha, Abisay, ro tsy maintsy magnavotre ahy. Fa laha
mafe loatre ho anareo ty tafike Amona, le ho avy raho hagnavotre anareo. [12]Maherea, naho andao tika hanoro ty
ozantika ho ahy ty vahoantika vaho reo tana ty Zagnaharentika, satria Yaveh le hanao ze soa ho ahy ty
fagniriane."[13]Ka nindeha ty Joaba vaho reo miaramila tao amity tafine mba hialy handietre reo Syriana, ze lasa
nilay teo agnoloa ty tafike Israely. [14]Laha fa nahisake reo miaramila ty Syriana nilay ty tafike Amona, le nilay i
Abisay kea iereo naho nihere tao amity tana. Bakeo ty Joaba nihere bakagne amity vahoake Amona naho nihere
tagne Jerosalema.[15]Laha fa hisa reo Syriana fa ho rese Israely iereo, le nivory niarake ndraike iereo. [16]Bakeo
Hadadezera nampikaike ty Syriana bakagne andafe ty Rano Eofrata. Niavy teo Helama niarake tamy Sobaka, ty
mpifehe ty tafike Hedadezera loha iereo iereo.[17]Laha fa nirehafa zay Davida, le namory ty Israely iaby re, nitsake
Jordana, naho niavy tagne Helama. Nilahatre hialy handietre Davida reo Syriana naho nialy tamine. [18]Nilay
Israely reo Syriana. Namono miaramila mpinday kalese fitonjato vaho mpitiki-tsoavale efatrale ty Davida.
Naafere ty Sobaka mpifehe ty tafike iereo naho mate tagne. [19]Laha fa hisa reo mpanjaka iaby ze mpanompo
Hadadezera fa rese Israely iereo, le nanao filongoa tamy Israely iereo ka lasa mpanompone. Laha zao reo Syriana
le natahotre ty hagnampe ty vahoake Amona.

Chapter 11

[1]Naho laha fa niavy ty lohatao, amity andro ze fandehana reo mpanjaka hialy, le nirahe Davida ty Joaba,
mpanompone, vaho reo tafike Israely iaby. Nandrava ty tafike Amona naho nanao faherano i Raba iereo. Feie
nijano tagne Jerosalema ty Davida.[2]Tamy niavy ty hariva le nifoha teo ampiroroane ty Davida naho nindeha
tagne amity tafo ty lampane. Bakegne re ro nahisake ampela raike ze teo ampiandroa, naho vatane soa hentea ty
ampela ao. [3]Laha zao le nandefa vaho nagnontane ndaty ze mahay ty miomba ty ampela ty Davida. Nisy ndaty
raike nanao ty hoe:" Tsy i Batseba, anakampela Eliama vao zay, naho tsy ty valy Oria Hetita vao re?"[4]Le nandefa
mpinday talily Davida naho nangalake aze; le niavy tagne amine re, naho niarake-niroro tamine re( satria vaho
baka nagnalio ty vatane tamity falim-bola re). Bakeo le nihere tagne antragnone re. [5]Nibevoka ty ampela, naho
nagnirake vaho nirehake Davida re; hoe re ty hoe:" Bevoka raho."[6]Bakeo Davida nagnirake tagne amy Joaba
nanao hoe:" Alefaso amiko atoy ty Ora Hetita." Le nalefa Joaba tagne amy Davida ty Oria. [7]Laha fa niavy Oria, le
nagnontane aze ty Davida hoe nanao akore Joaba, nanao akore ty tafike, naho nanao akore ty fandeha ty aly. [8]Le
hoe Davida tamy Oria hoe:" Mizotroa agne amity tragnonao, naho sasao ty tombonao." Ka le niala tao amity
lampa ty mpanjaka ty Oria, naho nandefa fagnomea ho ahy Oria ty mpanjaka tafara ty nindehanane.[9]Fa niroro
teo ambaravara ty lampa ty mpanjaka niarake tamireo mpanompo ty tompone iaby Oria, naho nimbaeo
antragnone re. [10]Laha fa nirehake tamy Davida iereo hoe:" Tsy nizotro tane antragnone Oria", le hoe Davida tamy
Oria hoe:" Tsy baka nindeha vao riha? Nagnino riha ro tsy nindeha nizotro tagne antragnonao?" [11]Namale Davida
ty Oria hoe:" Ty tomabile, vaho Israely naho Joaba le mijano ao amireo tragno, naho Joaba tompoko vaho tompo
reo mpanompoko le nitobe tagne ambaibo. Ino are ro hahafahako mbaeo antragnoko mba hihina vaho hino naho
hiroro hiarake amity valiko? Laha mboe velo vatane riha, le tsy hanao zay raho."[12]Ka hoe ty Davida tamy Oria
hoe:" Mijanogna eto aloha androany, fa hamaray riha hengako hindeha." Ka nijano tao Jerosalema tamio andro o
vaho ty maraigne ty Oria. [13]Laha fa nikaike aze ty Davida, le nihina vaho nino teo agnoloane re, naho nimamoe
Davida re. Ty hariva ty Oria le niakatre mba hiroro miarake amireo mpanompo ty tompone eo ampandreane; tsy
nindeha nizotro tagne antragnone re.[14]Naho tamy maray le nanoratre taratasy ho ahy Joaba ty Davida, naho
nandefa zay tamity alala ty tagna Oria. [15]Davida nanoratre tao amity taratasy nanao ty hoe:" Atoboho eo agnoloa
ty aly mafe vatane ty Oria, naho miala amine eo bakeo, mba mete ho voafofoke vaho voavono re."[16]Ka laha nanao
faherano tamity tana Joaba, le nanendre i Oria tamity toera ze nahaiane reo miaramila fahavalo mafe vatane
hialia re. [17]Laha fa niakatre reo lahilahy ty tana naho nialy tamity tafike Joaba, le lavo ty ilane tamireo miaramila
Davida , naho Oria Hetita avao kea le vinono tagne.[18]Laha fa nandefa rehake tagne amy Davida miomba ty zaka
mikasike ty aly Joaba, [19]le nandily ty mpinday talily re, nanao hoe:" Laha fa voarehanao amity mpanjaka ty zaka
iaby mikasike ty aly, [20]ty mete hisy le hoe ho meloke ty mpanjaka, ka hirehake aminao re hoe:' Nagnino ro
niharine loatre ty tana riha ro nialy? Tsy hainao vao fa mete bakegne amity manda iereo ro hitifitre?[21]Ia ro
namono i Abimeleka ana i Jerobeseta? Feie tsy ampela raike vao ro nandefa vato fikoseham-bare tamine bakegne
amity manda, ze namono aze tagne Tebeza? Nagnino riha ro tegne amize marineke ty manada ro nindeha?' Naho
tsy maintsy hamale riha hoe:" Oria Hetita mpanomponao avao kea le mate."'[22]Laha zao le lasa ty mpinday talily
naho nideha tagne amy Davida vaho nirehake tamine ty zaka iaby ze nagniraha Joaba aze ho rehafe. [23]Naho hoe
ty mpinday talily tamy Davida hoe:" Nimafe noho zahay ty fahavalo tagne amboalohane; niakatre nimbaeo
aminay teo ambaibo iereo, fa rinoanay nihere tagne amity filira amity vavahady.[24]Bakeo nitifitre tagne amireo
miaramilanao bakegne amity manda ty mpitify iereo, naho mate ty ilane tamireo mpanompo ty mpanjaka, naho
mate avao kea Oria Hetita mpanomponao." [25]Le hoe Davida tamity mpinday talily hoe:" Ambarao Joaba zao:' Ko
atao mahameloke anao toy, fa ty meso le handany raike vaho raike hafa. Mafeo kea handiera ty tana ty alinao, ka
ravao zay,' naho arisiho re."[26]Ka laha fa rey ty valy Oria fa mate ty Oria valine, le nandala vatane ty valine re.
[27]Laha fa niafake ty alahelona, le nagnirake vaho nampoly aze tagne amity lampane ty Davida, ka lasa valine re
naho niterake ajalahy tamine. Kanefa tsy nitea Yaveh ty natao Davida.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 12

[1]Naho Yaveh nandefa i Natana tagne amy Davida. Niavy teo amine re naho nanao ty hoe:" Andro raike le nisy
lahilahy roe tao amity tana raike. [2]Nanan-karea ty lahilahy raike naho ty raike hafa nijale. Ty raike nanan-karea
le nana agnondry aman'ose vaho agnombe maro bey, [3]fa ty lahilahy nijale tsy nana na ino ino laha tsy agnondry
vave kele raike, ze viniline vaho finahane naho hinarene. Nihabey niarake tamine vaho tamireo anane zay.
Niarake nihina tamine vaho nino tamity kapoakene vatane aza ty agnondry, naho niroro teo amity sandrine
manahake ty anakampelane zay.[4]Andro raike le nisy mpamangy niavy tao amity lahilahy mpagnarivo, fa tsy te-
hangalake biby raike bakao amity agnondry aman'ose vaho reo agnombene mba hamea ho sakafo ho aze ty
lahilahy mpagnarivo. Fa nalaene kea ty agnondry vave kele ty lahilahy mijale naho nahandroene ho ahy ty
mpamangy aze zay." [5]Nirehetre ty heloke tamity lahilahy mpagnarivo ty Davida, ka nirehake amin-keloke tamy
Natana hoe:" Laha mboe velo kea Yaveh, le soa ty ho vonoe ho mate ty lahilahy ze nanao zay. [6]Tsy maintsy
honerane efatre iaby ty anak'agnondry satria nanao zaka hoe zay re, naho satria tsy nana fiferenaigna tamity
lahilahy nijale re."[7]Naho hoe ty Natana tamy Davida hoe:" Riha ze lahilahy zao! Yaveh, ty Zagnahare Israely,
nanao ty hoe:' Nagnosotre anao ho mpanjaka raho, naho namonje anao hiala teo antagna Saoly. [8]Nagnomea anao
ty tragno ty tomponao Raho, naho reo valy ty tomponao ho eo antsandrinao. Nameako anao avao kea ty foko
Israely vaho Joda. Fa laha mboe kele vatane zay, le ho nagnomea anao zaka maro hafa ho fagnampene raho.[9]Ka
nagnino riha ro nanao tsinontsino reo lily Yaveh, naho nanao ze raty teo amasone? Vinono nao tamity meso ty
Oria Hetita naho nalaenao ho valinao ty valine. Vinononao tamity meso ty tafike Amona re. [10]Ka amizao le tsy
hiala amity fokonao zisikezay ty meso, satria nanao tsinontsino ahy vaho nangalake ty valy Oria Hetita ho lasa
valinao riha.'11Hoe Yaveh ty hoe:' Ingo, hagnore loza handietre anao bakao amity fokonao avao raho. Eo agnoloa
ty masonao avao, ro hangalako reo valinao naho hagnomeako iereo ho ahy ty namanao. naho hiara-hiroro
ampilalafa amireo valinao amity antoandro-mena nagnahare re. [12]Fa nanonta nihaja riha, feie hataoko eo
agnoloa Israely iaby ze zaka zay, amity atoandro-mena nagnahare."' [13]Le hoe Davida tamy Natana hoe:" Nanonta
tamy Yaveh raho." Namale Davida ty Natana hoe:" Yaveh avao kea le fa namototre ty hadisoanao. Tsy ho vonoe
riha.14Kanefa, satria tamity alala ze fihetseke zay ro nagnanova tsinontsino Yaveh, le ho mate vatane ty kolo ze
ateranao." [15]Bakeo le niala ty Natana naho noly tagne antragno. Nagnisy ty kolo ze natera ty valy Oria tamy
Davida ty Yaveh, ka narare mafe re.[16]Bakeo le nangatake mafe tamin'Agnahare ho ahy ty ajalahy Davida, Nifaly
hane Davida naho nilitre tao ka niroro tamity tane ty hale iaby. [17]Reo olobey ty tragnone le nijano vaho nitsanga
teo agnilane, mba hagnare aze bakeo amity tane, fa tsy nimete niare re, naho tsy nimete hihina niarake tamiereo.
[18]Naho tamity andro fahafito ro nahafate ty ajalahy. Reo mpanompo Davida le natahotre ty hitalily tamine fa mate
ty kolo, fa hoe iereo hoe:" Ingo, laha mboe velo ty kolo le nirehake tamine zahay, naho tsy nidranjy ty feonay re.
Ino ro mete ho ataone amity vatane laha mirehake amine zahay fa mate i koloy igne?!"[19]Fa laha fa hisa Davida fa
nifampibisibisike ty mpanompone, le hay Davida fa mate ty kolo. Hoe re tamireo mpanompone hoe:" Mate vao i
koloy?" Namale iereo hoe:" Mate re." [20]Le nitsanga bakeo amity tane ty Davida naho nanasa ty vatane, nihosotre
diloilo, naho nanolo reo sikine. Nindeha nimbaeo amity tabernakele Yaveh re naho nanao fanompoam-pivavaha
tagne, naho bakeo nihere noly tagne amity lampane re. Laha fa noly tagne amity lampane re. Laha fa nangatake
re, le natobo iereo teo agnoloane ty sakafo, ka nihina re.[21]Bakeo reo mpanompone nirehake tamine hoe:" Nagnino
ro nanao zao riha? Nifaly hane riha naho nitagny ty kolo tamie mboe nivelo, fa laha fa mate ty kolo, le nitsanga
riha naho nihina." [22]Le namale Davida hoe:" Laha mboe velo ty kolo le nifaly hane vaho nitany raho. Hoe raho ty
hoe:' Ia ro mahay na handefetre amiko Yaveh na aha, ka mete ho velo ty kolo?' [23]Fa amizao mate re, ka nagnino
raho ro tokone hifaly hane? Afake hagnere aze ndraike vao raho? Hindeha ho agne amine raho, fa tsy hihere
amiko re."[24]Nagnamafe i Batseba valine ty Davida, naho nilitre tamine ao, ka niarake niroro tamine. Tafara atoy
le niterake ajalahy re, naho nameane ty agnara hoe Solomona ty kolo. Nitea aze Yaveh [25]naho nandefa rehake
tamy Natana mpaminane Re mba hanao ty agnarane hoe Jedidia, satria tea aze ty Yaveh.[26]Naho Joaba le nialay
tamy Raba, ty tana ty mpanjaka ty vahoake Amona, naho azone ty fiarovane mafe. [27]Laha zao le nandefa mpinday
talily ho agne amy Davida ty Joaba naho nanao ty hoe:" Nialy tamy Raba raho, naho nalaeko ty fizaran-drano ty
tana. [28]Amizao naho avorio miarake reo sisa ty tafinao naho mitobea handietre ty tana naho alao zay, satria laha
alaeko ty tana, le hinday ty agnarako zay."[29]Le namory ty tafike iaby Davida ka nindeha tagne Raba; nialy tamity
tana re naho nangalake zay. [30]Nalae Davida tegne amity loha ty mpanjaka iereo ty satron-kasy__talenta volamena
raike ro lanja zay, naho nisy vato lafovily tagnatene ao. Natoboke teo ambone loha Davida ty satron-kasy. Bakeo
le nientene niakatre reo babo ty tana maro bey.[31]Nientene niakatre reo ndaty ze tao amity tana naho sinerene
hiasa amity tsaofa, vaho vy famoreta, naho famaky iereo; nataone niasa tagne amity laforo fagnoroam-birike


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

iereo. Tinake Davida mba hanao ze asa zay ty tana ty vahoake Amona iaby. Bakeo le nihere nimbaeo Jerosalema ty Davida vaho reo tafike iaby.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 131Naho tafara zay Amona anadahy Davida, le vatane voatarike tamy Tamara anabavene soa tarehe, ze
vatane anabave Absaloma, anadahy Davida hafa.

[2]Nialy hevetre bey Amnona naho nanjare narare re noho ty amy Tamara anabavene. Verijine re, naho hoe tsy
nimete tamy Amnona vatane ty hanao zaka amine.[3]Fa Amnona le nana nama ze Jonadaba ty agnara ty anadahy
Simea, rahalahy Davida. Jonadaba le lahilahy mahihitse vatane. [4]Hoe Jonadaba tamy Amona hoe:" Nagnino, ry
ana ty mpanjaka, ro kivy isa-maray riha? Tsy hirehake amiko vao riha?" Le namale aze Amnona hoe:" Teako ty
Tamara, anabave Absaloma rahalahiko."[5]Le hoe Jonadaba tamine hoe:" Miroroa eo amity fandreanao naho
manova kisare-marare. Laha fa avy hagnente anao ty raenao, le agnontaneo re ty hoe:' Afake alefanao azafady
mba hagnomea zaka ho haneko vaho hahandro zay eto agnoloako, ka mba hahafahako mahisake zay vaho
mihina zay bakamity tagnane?"' [6]Laha zao le niroro Amnona ka noly narare. Laha fa niavy nagnente aze ty
mpanjaka, le hoe Amnona tamity mpanjaka hoe:" Mba alefaso rie Tamara anabaveko mba hanao sakafo
agnoloako eto amize areteko zao mba hihinanako ze bakamity tagnane."[7]Le nandefa rehake ho ahy Tamara tao
andampane Davida, nanao hoe:" Mindehana agne amity tragno Amnona anadahinao zao ka mivognona sakafo
ho aze." [8]Le nindeha tagne amity tragno Amnona anadahine tagne amize niroroane ty Tamara. Nangalake Koba
re naho nagnaro zay ka nagnamboatre mofo teo amasone, naho le nahandro zay re bakeo. [9]Nalaene ty lasitre ka
nameane aze ty mofo, fa nilietre tsy hihina re. Bakeo le hoe Amnona tamireo hafa ze teo hoe:" Akaro agne
ambalike ty ndaty iaby, ho lavitre ahy." Ka nindeha niala teo amine ty ndaty iaby.[10]Naho hoe Amnona tamy
Tamara hoe:" Ento ao amity efetragnoko ty sakafo mba hihinanako aze bakamity tagnanao." Le nalae Tamara ty
mofo ze le fa nanoene, ka nientene tao amity efetragno Amnona anadahine. [11]Laha fa ninday ty sakafo teo amine
re, le hita aze re ka nanao tamine hoe:" Avia, miroroa miarake amiko, ry anabaveko." [12]Namale aze re hoe:" Aha,
ry anadahiko, ko sere raho, fa tsy tokone atao eto Israely ty zaka hoe zao. Ko manao ze zaka raty zay![13]Nagnino ro
hialako amity hamegnarako? Naho ty aminao? Hanahake ty raike amireo gege eto Israely riha! Amizao, mba
mirehafa amity mpanjaka, fa tsy hanaka ahy tsy ho anao re." [14]Fa na zay aza le tsy nidranjy aze Amnona. Satria
nimafe noho Tamara re, le nitsepake aze re naho niroro niarake tamine.[15]Naho nalay Tamara tamity falay dilatse
ty Amnona. Nalay aze lavitre noho ty nagniriane aze re. Hoe ty Amnona tamine hoe:" Mitsangana naho
mindehana." [16]Fa re namale aze hoe:" Aha! Satria ze haratiam-bey amity fandroahanao ahy zao le raty noho ty
nataonao tamiko!" Nefa tsy nidranjy aze Amnona. [17]Fa kea, nikaike reo mpanompone re ka nanao ty hoe:" Afaho
tsy ho eto amiko ty ampela toy, naho hilio ty varavara laha fa tafiakatre re."[18]Le nakare ty mpanompone tagne
ambalike re naho hiniline ty varavara laha fa tafiakatre re. Nisiky akanjo lava voahengo soa ty Tamara satria reo
anakampela ty mpanjaka ze verijine le nisiky hoe izay. [19]Nasia Tamara lavenoke teo amity lohane naho riniane ty
akanjone. Nilolohe ty tagnane tamity lohane re naho nindeha, nitagny mafe tegne ampindehana.20Hoe i
Absaloma anadahine tamine hoe:" Niarake taminao vao Amnona anadahinao? Nefa mitsy, ry anabaveko.
Anadahinao re. Ko manao ze zaka zay agnarofo." Le nitoboke arere tao amity tragno Absaloma anadahine ty
Tamara. [21]Fa laha fa rey Davida mpanjaka ze zaka zay, le nimeloke vatane re. [22]Naho i Absaloma tsy nirehake na
ino ino tamy Amnona, satria Absaloma nalay aze noho ze le fa nataone tamine vaho ty fomba nagnafahane
baraka Tamara anabavene.[23]Naho tamy afake roe tao katoke le nana mpagnitrike agnondry niasa tao Bala-hazora
ty Absaloma, ty agnila Efraima, naho Absaloma nanasa reo anadahy ty mpanjaka iaby mba hitilike ao. [24]Nimbaeo
amity mpanjaka Absaloma ka nanao hoe:" Ingo amizao, ty mpanomponao le mana mpagnitrike agnondry. Ka, ao
ty mpanjaka vaho reo mpanompone hiarake amiko, mpanomponao."[25]Le namale i Absaloma ty mpanjaka hoe:"
Aha, ry zanako, tsy tokone hindeha hiarake aminao iaby zahay iaby satria ho enta-mavesatre ho anao."
Nandrisike ty mpanjaka ty Absaloma, nefa tsy nindeha re, kanefa nitso-drano Absaloma re. [26]Le hoe Absaloma
hoe:" Laha tsy zay, engao rie Amnona rahalahiko hindeha hiarake aminay." Le hoe ty mpanjaka tamine hoe:" Fa
nagnino Amnona ro tokone hiarake aminareo?"[27]Sinere Absaloma ty Davida, ka le nagnenga Amnona vaho reo
anadahy ty mpanjaka iaby hindeha hiarake amine re. [28]Nandily reo mpanompone ty Absaloma nanao ty hoe:"
Midranjigna soa. Laha fa manomboke mamo ty divay ty Amnona, naho laha fa mirehake aminareo raho hoe:'
Tafiho ty Amnona,' le vono re. Ko matahotre. Tsy le fa nandily anareo vao raho? Maherea naho managna herem-
po." [29]Ka le natao reo mpanompo Absaloma tamy Amnona arake ze le fa nandiliane iereo. Le nitsanga reo
anadahy ty mpanjaka iaby, naho nitikitre ty ampondrane ty ndaty iaby ka nilay.[30]Naho laha mboe tegne andala
iereo, le niavy tagne amy Davida ty vaovao manao ty hoe:" Vinono Absaloma reo anadahy ty mpanjaka iaby, ka
tsy nisy na le raike aza niengane tamiereo." [31]Le nitsanga ty mpanjaka ka nandriatre ty sikine, le niroro teo amity
tane; naho reo mpanompone iaby nitsanga teo marine niarake tamity siky riatre.[32]Naho i Jonadaba ana i Simea,
rahalahy Davida, namale naho nanao hoe:" Ao ty tompoko tsy hino fa namono ty ajalahy iaby ze ana ty mpanjaka
iereo, satria Amnona arere ro mate. Absaloma le fa nagnoma zao nanomboke tamity andro ze nanerea Amnona i


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Tamara anabavene. [33]Laha zao ao ty tompoko mpanjaka tsy handrae ze talily zay agnarofo, ka hino fa ty ana ty mpanjaka iaby ro mate, satria Amnona arere avao ro mate."[34]Nilay lavitre Absaloma. Nisy mpanompo mpiambe nagnakatre ty masone ka nahisake ndaty maro tamity lala egne amity tazoa ahandrefane. [35]Le hoe Jonadaba tamity mpanjaka hoe:" Ingo, tamy reo anadahy ty mpanjaka. Manahake ze nirehafe reo mpanomponao vatane zay." [36]Naho laha fa tampetre ty rehane, le niavy reo anadahy ty mpanjaka ka nagnakatre ty foe iereo naho nitagny. Ty mpanjaka vaho ty mpanompone iaby ka le nitagny mafe.[37]Fa i Absaloma nilay naho nimbaeo amy Talmay, anadahy Amihoda, ty mpanjaka Gesora. Nandala ty anane isan'andro ty Davida. [38]Laha zao Absaloma le nilay naho nimbaeo Gesora, ty nitobohane telo tao. [39]Fa ty say Davida Mpanjaka nagniry hiakatre hagnente Absaloma, fa niono mikasike ty amy Amnona vaho ty fatene re.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 14

[1]Naho Joaba anadahy Zeroia le nahay fa nagniry ty hahisake i Absaloma ty arofo ty mpanjaka. Laha zao le
nandefa rehake ho ahy Tekoa ty Joaba naho ninday ampela mare tagne amine. Hoe re tamin-drampela hoe:" Mba
mangatake rie anovo hoe ty mandala riha naho misikina akanjo fandala. Mba mangatake rie ko hosora diloilo ty
vatanao, fa manova hoe ty ampela ze nandala ty mate le fa ela. [3]Bakeo le mindehana mbaeo amity mpanjaka
naho rehafo amine ty miomba ze ho fariteko." Le nirehafe Joaba tamine reo rehake ze tokone ho rehafene amity
mpanjaka.[4]Laha fa nirehake tamity mpanjaka ty ampela bakagne Tekoa, le nagnohoke ty tarehene tamity tane re
naho nanao hoe:" Ampeo raho, ry mpanjaka." [5]Le hoe ty mpanjaka tamine hoe:" Ino ro hasahira?" Namale re
hoe:" Ty mare le mpivem-bata raho, naho mate ty valiko." [6]Zaho, mpanomponao, le managnanake roe lahy, naho
nialy tegne ambaibo iereo, ka tsy nisy nandrara iereo. Ty raike nagnisy ty raike ka namono aze.[7]Amizao le
mitsangana mandietre ty mpanomponao ty foko iaby iaby, naho hoe iereo hoe:' Atoloro ty lahilahy ze nagnisy ty
rahalahine, mba hamonoanay aze ho mate, mba handietre ty arofo ty rahalahine ze vinonone.' Ka le ho vonoe
iereo kea ty mpandova. Le hoe zay kea ro hagnafaha iereo ty vaen'afo mirehetre ze nengako, naho tsy hamototre
agnara na foko eto ambone ty tane ho ahy ty valiko iereo."[8]Ka le hoe ty mpanjaka tamin-drampela hoe:"
Mindehana agne antragnonao, naho handily zaka hatao hoanao raho." [9]Le namale ty mpanjaka ty ampela Tekoa
hoe:" Ry mpanjaka, tompoko, ao ho amiko vaho ho amity fokon-draeko ty heloke. Tsy manan-tsiny ty mpanjaka
vaho ty sezan-droandriane."[10]Namale ty mpanjaka hoe:" Na ia ia mitalily zaka aminao, le ento amiko atoy re,
naho tsy hikasike anao sase re." [11]Le hoe re ty hoe:" Mba mangatake rie, ao ty mpanjaka hahatiaro Yaveh
Zagnaharenao, ka tsy hamoteke na ia ia vatane ty mpamale lio, mba tsy hamoteha iereo ty anadahiko." Le
namale ty mpanjaka hoe:" Laha mboe velo kea Yaveh, le tsy hisy na le tsilam-bolo raike amity anagnao aza
hihintsa amity tane."[12]Le hoe rampela hoe:" Mba mangatake rie engao ty mpanomponao mba hitalily rehake
fagnampene amity tompoko ty mpanjaka." Le hoe re ty hoe:" Mirehafa." [13]Le hoe rampela hoe:" Ka nagnino are
riha ro midineke zaka hoe zay amity vahoaken'Agnahare? Fa amity firehafa ze zaka zay, le hoe ty ndaty ze meloke
ty mpanjaka, satria tsy mboe nampoly ndarike ty anadahine voaroake ty mpanjaka. [14]Fa tsy maintsy ho mate tika
iaby, naho hoe ty rano aily amity tane tika, te tsy afake raofe sase. Fa Zagnahare tsy hangalake ty arofo; fa kea,
mahisake lala ho ahy reo ze voaroake Re mba hahere ndraike.[15]Ka amizao are, niavy hirehake ze zaka zay amity
mpanjaka tompoko raho, zay le satria nampitahotre ahy ty vahoake. Ka nanao tamity vatane ty mpanomponao
hoe:' Hirehake amity mpanjaka raho zao. Asa hanao ty hata ty mpanompone ty mpanjaka. [16]Satria hidranjy ahy ty
mpanjaka, mba hanolora ty mpanompone ho afake amity tagna ty lahilahy ze hamoteke ahy vaho ty anadahiko,
ho afake amity lovan'Agnahare.' [17]Bakeo le nivavake ty mpanomponao hoe:" Ry Yaveh, ao hagnamaiva ahy ty reha
ty mpanjaka tompoko, satria hoe ty anjelen'Agnahare, le hoe zay kea ty mpanjaka tompoko amity firehafa ty soa
bakamity raty.' Hiomba anao anie Yaveh Zagnaharenao."[18]Bakeo le namale ty mpanjaka ka nirehake tamin-
drampela hoe:" Mba mangatake rie ko ahaja amiko iaby ze hagnontaneako anao." Le namale rampela hoe:" Ao
hirehake ty mpanjaka tompoko amizao." [19]Le hoe ty mpanjaka hoe:" Feie vao tsy miarake aminao amiaby iaby zao
ty tagna Joaba?" Le namale rampela ka nanao hoe:" Laha mboe velo kea riha, ry mpanjaka tompoko, le tsy misy
afake milay mbaeo ankavana na ankavia amity zaka iaby ze nirehafe ty mpanjaka tompoko. I Joaba
mpanomponao ro nandily ahy vaho nirehake tamiko mba hitalily reo zaka ze nirehafe ty mpanomponao reo. [20]Le
fa nanao zay ty Joaba mpanomponao mba hagnova ty zaka-misy. Mare ty tompoko, hoe ty hamarea ty
anjelen'Agnahare, naho haine ty zaka iaby ze miseho eo amity tane."[21]Le hoe ty mpanjaka tamy Joaba hoe:" Ingo
are, hanao ze zaka zay raho. Mindehana, naho ento mihere ty ajalahy Absaloma." [22]Laha zao Joaba le nagnohoke
ty tarehene tamity tane ho hasy vaho fisaora ty mpanjaka. Hoe Joaba hoe:" Amizao le hay ty mpanomponao fa
nahisake saotre teo amasonao raho, ry mpanjaka tompoko, amity fagnanoa ty mpanjaka ty hata ty
mpanompone."[23]Le nitsanga ty Joaba, ka nimbaeo Gesora, naho ninday i Absaloma nihere tagne Jerosalema. [24]Hoe
ty mpanjaka hoe:" Ao re hihere agne antragnone, fa ko atao mahisake ty tareheko." Laha zao le nihere tagne
antragnone arere ty Absaloma, fa tsy nahisake ty tarehe ty mpanjaka.[25]Naho nagnera Israely le tsy nisy ndaty
nilazao tamity hasoan-tarehe mandako noho i Absaloma. Bakagne antombone ka zisikagne antampon-dohane le
tsy nisy havoa tagne amine. [26]Laha fa mandily ty volon-dohane re isake ty fara ty tao, satria navesatre tamine zay,
le nientene ty volone; milanja eo amity roanjato sekele eo Zay, ty lanjae amity fandanja ty mpanjaka. [27]Absaloma
le niterake telo lahy vaho raike ampela, Tamara ro agnarane. Ampela soa tarehe re.[28]Nitoboke roe tao feno tao
Jerosalema Absaloma, fa tsy nahisake ty tarehe ty mpanjaka. [29]Bakeo Absaloma le nandefa rehake ho ahy Joaba
mba handefa aze agne amity mpanjaka, feie tsy niavy tagne amine ty Joaba. Le nandefa rehake fagnindroene ty
Absaloma, kanefa tsy mboe niavy avao ty Joaba.[30]Le hoe Absaloma tamireo mpanompone hoe:" Ingo, eo agnila ty
ahy ty tanem-bare Joaba, naho mana vare hordea ao re. Mindehana naho oro zay." Ka noroa reo mpanompo



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Absaloma ty tanembare. 31 Bakeo le nitsanga Joaba naho nimbaeo amy Absaloma tagne antragnone, ka nanao
tamine hoe:" Nagnino ro noroa reo mpanomponao ty tanembareko?" 32 Le namale Joaba ty Absaloma hoe:" Ingo,
nandefa rehake taminao raho nanao hoe:' Miavia amiko atoy mba hahafahako magnirake anao ho agne amity
mpanjaka mba hitalily hoe:" Nagnino raho ro niala tagne Gesora? Soa kea ho ahy ty mboe mijano agne. Laha zao
are le ao raho hagnente ty tarehe ty mpanjaka, ka laha meloke raho, le ao re hamono ahy."""' 33 Le lasa nimbaeo
amity mpanjaka ty Joaba naho nirehake tamine. Laha fa nampikaike i Absaloma ty mpanjaka, le namonje ty
mpanjaka re naho nihohoke ambane teo amity tane nagnoloa ty mpanjaka, naho norofane ty mpanjaka i
Absaloma.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 15

1Naho tafara zay le nivogno kalese vaho soavale ho aze ty Absaloma, niarake tamity lahilahy dimampolo mba
hoalohane. 2Nifoha maray Absaloma naho nitsanga teo amity lala mbaeo amity vavahady ty tana. Laha fa nisy
ndaty nana aly ho ente eo amity fitsara ty mpanjaka, le nikaike aze ty Absaloma naho nanao ty hoe:" Bakaia ty
tana niboahanao?" Le namale ty lahilahy hoe:" Bakamireo raike amity foko Israely ty mpanomponao."3Le
nirehake tamine Absaloma hoe:" Ingo, soa vaho mare ty miomba anao, feie tsy misy ndaty namea ty mpanjaka
fahefa hidranjy ty rarahanao." 4Le nampea Absaloma hoe:" Teako laha mba natao ho mpitsara teto amity tane
raho, mba hoavy eo amiko ty ndaty iaby ze mana aly na raraha, naho hagnomea rarene ho aze raho!"5Naho laha
fa nisy ndaty niavy teo amy Absaloma mba hagnomea haja aze, le nagnakatre ty tagnane re naho nandrae aze ka
nagnoroke aze. 6Nanao hoe zay tamireo Israely iaby ze nimbaeo amity fitsara ty mpanjaka ty Absaloma. Ka le
nangalake ty arofo ty ndaty Israely ty Absaloma.7Naho tamity fiafara ty tao efatre le hoe Absaloma tamity
mpanjaka hoe:" Engao rie raho mba hindeha naho hagnefa ty vava nataoko tamy Yaveh tagne Hebrona. 8Fa
nanao vava ty mpanomponao tamy zaho nitoboke tagne Gesora tagne Syria, nanao ty hoe:' Laha ho ente Yaveh
mihere agne Jerosalema vatane raho, le hanompo Yaveh.'"9Ka hoe ty mpanjaka tamine hoe:" Mindehana
ampilamina." Ka nindeha ty Absaloma ka nimbaeo Hebrona. 10Feie bakeo le nagnirake mpijilo erake ty foko
Israely iaby ty Absaloma, nanao ty hoe:" Vatane vaho maharey ty feon-trompetra nareo, le ao hirehake hoe:'
Absaloma ro mpanjaka agne Hebrona.'"11Nisy lahilahy roanjato bakagne Jerosalema nindeha niarake tamy
Absaloma, ze hinafatre. Nindeha tamity tsy fanagnan-tsiny iereo, naho tsy nahay na ino ino tamize kinasa
Absaloma. 12Laha fa nanolotre soro ty Absaloma, le nampangalake i Ahitofela bakagne amity tana niboahane
agne Gilo re. Mpagnomea hevetre Davida re. Nahere satria tsy nijano-nitombo ty ndaty nagnorike aze.13Nisy irake
nimbaeo amy Davida nanao hoe:" Magnorike Absaloma ty arofo reo ndaty Israely." 14Ka hoe Davida tamireo
mpanompone iaby ze niarake tamine tao Jerosalema hoe:" Mitsangana naho andao hilay, laha tsy zay le tsy hisy
ho afake milay i Absaloma tika. Mivognona hiala amizao, laha tsy zay hahatratre antika malaky re, naho hinday
loza eto amintika re ka hanafike ty tana amity lela-meso." 15Le hoe reo mpanompo ty mpanjaka tamity mpanjaka
hoe:"Ingo, vogno ty hanao iaby ze tampake ty mpanjaka tomponay ty mpanompone."16Le niala ty mpanjaka naho
norihe ty fokone iaby, fa nagnenga ampela folo, ze valintsidrano, mba hiambe ty lampa ty mpanjaka. 17Laha fa
baka niakatre ty mpanjaka vaho reo ndaty iaby tao afarane, le nijano teo amity tragno farane iereo. 18Nindeha
niarake tamine ty tefine iaby, naho nindeha teo alohane reo Keretita, vaho reo Peletita naho reo Getita
iaby__lahilahy enenjato ro nagnorike aze bagnake Gata.19Le hoe ty mpanjaka tamy Itahy Gatita hoe:" Nagnino
riha ro hindeha hiarake aminay? Miheregna naho mijanogna miarake amity mpanjaka, fa vahiny vaho antane
lavitre riha. Miheregna agne amity fitobohanao avao. 20Satria vaho niala male riha, le nagnino raho ro tokone
hamototre anao hirererere hiarake aminay? Tsy haiko kea ze ombako. Ka miheregna naho ento mihere reo raike
firene namanao. Hiarake aminao anie ty fahitia vaho ty fatokia."21Fa Itahy namale ty mpanjaka naho nirehake
hoe:" Laha mboe velo kea Yaveh, naho laha mboe velo kea ty mpanjaka tompoko, agne amity toera iaby indehana
ty mpanjaka vatane, le agne kea ro homba ty mpanomponao, na midika havelo zay na fate." 22Ka hoe Davida tamy
Itahy hoe:" Mindeha naho manohia miarake aminay." Ka le nindeha niarake tamity mpanjaka Itahy Gatita amireo
lahilahy iaby vaho reo fokone iaby ze niarake tamine. 23Nitagny tamity feo mafe ty tana iaby laha nandrio ty
Baibo Kidrona reo vahoake, naho laha nitsake avao kea ty mpanjaka. Nindeha tegne andala nimbaeo ho agne
antane efetre ty ndaty iaby.24Na Zadoka niarake tamireo Levita iaby, ze ninday ty tomabile fagnenkean'Agnahare
aza le teo. Nahiliereo ty tomabilen'Agnahare, le nahazo iereo Abiatara. Nnandy zisike nandohalefa ty vahoake
bakao antana iereo. 25Hoe ty mpanjaka tamy Zadoka hoe:" Ento mihere agne antana ty tomabilen'Agnahare. Laha
mahisake fitea eo amaso Yaveh raho, le hinday ahy hihere re naho hanoro ty tomabile vaho ty toera hitobohane
ndraike. 26Fa laha mirehake re ty hoe:' Tsy tea anao raho,' ingo, toy raho, ao hataone amiko iaby ze hisane fa mete
amine."27Hoe avao kea ty mpanjaka tamy Zadoka mpisoro hoe:" Tsy mpahisake vao riha? Miheregna agne antana
ampiadagna, amireo ananao roe lahy miarake aminao, le Ahimaza ananao, vaho Jonatana ana i Abiatara. 28Ingo,
hiambe eo amity fitana amity efetre Araba raho zisike hiavia ty rehake bakaminao hampahay ahy." 29Ka le ninday
ty tomabilen'Agnahare nihere tagne Jerosalema ty Zadoka vaho Abiatara, naho nitoboke tagne iereo.30Fa niakatre
tsy nikiraro vaho nitagny nimbae amity Vohitse Oliva ty Davia, naho nanaro ty lohana. Ty ndaty iaby teo amity
vahoake niarake tamine le nanaro ty lohane, naho nindeha niakatre ampitagnia tegne ampidehana iereo. 31Nisy
ndaty nirehake tamy Davida nanao hoe:" Agnate reo mpiraike miarake amy Absaloma ty Ahitofela." Ka nivavake
ty Davida hoe:" Yaveh o, avaliho ho hagegea rie ty toroheve i Ahitofela."32Naho Davida laha fa niavy teo ambone
ty lala, ze le fa fanompoa an'Agnahare, le niavy hifanoje tamine ty Hosay Arkita niarake tamity akanjone tsiatre
vaho debon-tane teo amity ongone. 33Hoe ty Davida tamine hoe:" Laha mindeha miarake amiko riha, le hamesatre



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

ahike. [34]Fa laha mihere agne antana riha ka mirehake amy Absaloma hoe:' Ho mpanomponao raho, ry mpanjaka, manahake ty naha-panompo ty raenao ahy tamity andro taloha, le ho mpanomponao avao kea raho amizao,' le hagnoronta ty toroheve Ahitofela ho ahy riha.[35]Tsy mana i Zadoka vaho Abiatara mpisoro hiarake aminao vao riha? Ka na ino ino reinao ao amity lampa ty mpanjaka, le ao ho rehafenao amy Zadoka vaho Abiatara mpisoro zay. [36]Anovo soa mba hiarake amiereo agne ty anane roe lahy, le Ahimaza, ana i Zadoka, vaho Jonatana, ana i Abiatara. Ao halefanao amiko atoy amity tana iereo ty zaka iaby ze reinao." [37]Ka le nimbaeo antana ty Hosay, nama Davida, laha vaho niavy vaho nilitse i Jerosalema ty Absaloma.

Chapter 16

1Laha fa niala tsy lavitse ty fara ty vohitse Davida, le niavy nanalaka aze ty Ziba mpanompo i Mefiboseta niarake
tamireo ampondra roe misy lasele; iereo le ninday mofo roanjato, tsempagnam-boaloboke zato vaho
fehezan'aviavy zato, naho divay raike tavoara. 2Nirehake tamy Ziba ty mpanjaka hoe:" Nagnino ro ninday reo
zaka reo riha?" Namale Ziba hoe:" Ty ampondra le natao ho hitikira ty foko ty mpanjaka, ty mofo vaho ty mofo
mamy misy aviavy le natao ho hane reo ndatinao, naho ty divay le natao ho nome reo ze torova tagne antane
maike."3Hoy ty mpanjaka hoe:" Aia naho ty zafe lahy ty tomponao?" Namale ty mpanjaka ty Ziba:" Ingo, nijano
tagne Jerosalema re, fa hoe re ty hoe:' Amizao le ho ahere ty foko Israely amiko ty fanjaka ty raeko." 4Le nirehake
tamy Ziba ty mpanjaka hoe:" Ingo, ze ahy Mefiboseta iaby le lasanao amizao." Namale Ziba ho:" Miondreke
ampagnentre-bata eo agnoloanao raho, ry mpanjaka, tompoko. Ao hahisake saotre eo amasonao raho."5Laha fa
namonje i Bahorima ty Davida Mpanjaka, le nisy lahilahy bakamity foko Saoly niakatre bakagne, antao ty hoe:
Simey ana i Gera. Niakatre nagnozo rehake ampindehana re. 6Tinorane vato ty Davida vaho reo manam-pahefa
ty mpanjaka iaby, na le teo aza reo tafike vaho reo mpiambe ze teo ankavia vaho havana ty mpanjaka.7Nikaike
fagnozogna ty Simey:" Mindehana agne, mindehana miakatre eto, riha aze mpanao raty, riha aze ndaty
mpampipo-dio! 8Vinale Yaveh taminareo iaby ty lio ty foko Saoly ze naponareo, tamity toera ze nanjakanareo.
Nomea Yaveh teo antagna i Absaloma ananao ty fanjaka. Niavy amity harava riha satria ndaty ty lio."9Le hoe ty
Abisay anadahy Zeroia, tamity mpanjaka hoe:" Nagnino o amboa ao ro magnozo ty mpanjaka tompoko? Engao
rie raho hindeha naho hanampake ty lohane." 10Fa nirehake ty mpanjaka hoe:" Mpino vao raho vaho riha, ry
anadahy Zeroia? Magnozo ahy asa re satria nirehake tamine ty Yaveh hoe:' Ozogno ty Davida.' Ia zane ro afake
hirehake amine hoe:' Nagnino riha ro magnozo ty mpanjaka?"'11Ka hoe ty Davida tamy Abisay vaho ty
mpanompone iaby hoe:" Ingo, ty anadahiko, ze naterako, le te-hifofo ty fiaiko. Ka sandrake fa ty fagniria ty
Benjamina toy ty amity haravako? Engao re naho engao re hagnozo, satria nibaiko aze hanao zay ty Yaveh.
12Hagnente ty fijalea mahazo ahy asa ty Yaveh, naho hamale soa ahy noho ty ozo nataone tamiko amizao."13Ka
nindeha tagne andala ty Davida vaho ty ndatine, naho Simey kea nagnorike iereo bakegne andafe tegne ambone
ty tazoa, nagnozo vaho nagnisy deboke naho nitora-bato aze laha nindeha re. 14Bakeo le rokake ty mpanjaka vaho
ty ndaty iaby ze niarake tamine, ka nangalake haherake re laha fa nijano iereo ty haleke.15Naho Absaloma vaho ty
ndaty Israely iaby ze niarake tamine, le niavy tao Jerosalema, naho niarake tamine ty Ahitofela. 16Naho laha fa
niavy teo amy Absaloma, ty Hosay Arkita, nama i Davida, le nirehake tamy Absaloma ty Hosay hoe:" Ho ela valo
anie ty mpanjaka! Ho ela valo anie ty mpanjaka!"17Hoe ty Absaloma tamy Hosay hoe:" Izaho vao ro atokisanao
atoronao amity namanao? Nagnino riha ro tsy nindeha niarake tamine?" 18Hoe ty Hoasy tamy Absaloma hoe:"
Aha! Fa ty raike ze finily Yaveh vaho ty vahoake toy naho ty ndaty Israely iaby kea, ro lahilahy ze hombako, naho
hitoboke eo amine raho.19Ia avao kea, ro ndaty tokone ho tompoeko? Tsy tokone hanompo eo amity fagnatreha ty
anadahine vao raho? Manahake ty nanompoako teo amity fagnatreha ty raenao, le hanompo eo amity
fagnatrehanao raho."20Le hoe ty Absaloma tamy Ahitofela hoe:" Ameo ty torohevenao zahay ty amity tokone
hataony." 21Namale i Absaloma ty Ahitofela hoe:" Mindehana miroro miarake amireo valy mpanompo ty raenao
ze niengane hiambe ty lampa, naho ho rey Israely iaby fa nagnaimbo vata teo amity raenao riha. Bakeo le
hatanjake ty tana reo iaby miarake aminao."22Naho namelatre tragno ho ahy Absaloma teo ambone ty lampa
iereo, ka niarake-niroro tamireo valy ndevo ty raene teo amsao Israely iaby ty Absaloma. 23Naho ty torohevetre ze
nomea Ahitofela tamize andro zay le manahake ty hoe rey ty ndaty bakamity vavan'Agnahare vatane. Zay ro hisa
Davida vaho Absaloma ty torohevetre Ahitofela iaby.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 17

[1]Le nirehake tamy Absaloma ty ahitofela hoe:" Engao raho hifily lahilahy roa arivo vaho ray ale, naho hitsanga
vaho hagnia Davida raho androany hale. [2]Hoavy amine eo raho laha mboe rerake vaho maleme ey re naho
hanampoke aze amin-tahotre raho. Hilay ty vahoake ze miarake amine, naho ty mpanjaka avao ro ho tafiheko.
[3]Ho enteko mihere aminao iaby ty ndaty iaby, manahake ty ampela akare avy eo amity valine, naho ty ndaty iaby
le hilamy eo ambane fahefanao." [4]Ze nirehafe Ahitofela le nenkene i Absaloma vaho reo olobey Israely iaby.[5]Le
hoe Absaloma hoe:" Kaiho avao kea ty Hosay Arkita amizao, naho ao tika haharey ze rehane." [6]Laha fa niavy teo
amy absaloma ty Hosay, le hinaza Absaloma tamine ze nirehafe Ahitofela naho nagnontane i Hosay re hoe:"
Tokone hanao ze nirehafe Ahitofela vao tika? Laha aha, ambarao anay ze torohevetre." [7]Le nirehake tamy
Absaloma ty Hosay hoe:" Tsy soa ty torohevetre ze nomea i Ahitofela tamitoy."[8]Le nagnampe i Hosay hoe:" Hainao
fa mpialy mahere ty raenao vaho reo lahilahine, naho masiake iereo, naho manahake ty bera robake anake agne
ambaibo. Lahilahy mpialy ty raenao; tsy hiroro miarake amity tafike re androany hale. [9]Ingo, mete mihaja agne
andavake na agne antoeran-kafa re amizao. Laha fa misy mate eo amboaloha ty fanafiha ty lahilahinao ilane, na
ia ia maharey zay le hirehake hoe:' Misy famonoa eo amireo miaramila ze magnorike i Absaloma.' [10]Ka na le reo
miaramila bey herem-po vatane aza, ze manahake ty arofo ty liona ty arofo iereo, le hatahotre satria hay ty
Israely iaby fa lahilahy mahere ty raenao, naho reo lahilahy miarake amine le tena matanjake.[11]Laha zao le
manoro hevetre anao raho fa tokone havory miarake eto aminao ty Israely iaby, manonmboke agne Dana ka
hatragne Beri-sheba, ty maro isake manahake ty faseke eo amoron-draiake , naho ty vatanao vatane ro hindeha
hialy. [12]Bakeo le ho avy eo amine zahay na aia aia mete hahisaha aze, naho hanaro aze manahake ty mika
mitonta amity tane zahay. Tsy misy enganao ho velo na le raike amireo ndatine, na re vatane aza.[13]Laha miala
agne amity tana raike re, le hinday taly ho agne amize tana zay ty Israely iaby ka ho tarihenay ho agne
andrenerano zay, zisike ty tsy hisy na le vato kele raike aza hisake ao." [14]Le hoe ty Absaloma vaho reo lahilahy
Israely hoe:" Ty toroheve Hosay Arkita le soa vatane noho ty ahy Ahitofela." Yaveh le nampisy fandiera ty
torohevetre soa i Ahitofela mba hindaisa loza eo amy Absaloma.[15]Le hoe ty Hosay tamy Zadoka vaho tamy
Abiatara mpisoro hoe:" Ahitofela nanoro hevetre i absaloma vaho reo olobey Israely tamity fomba manahake zay,
nefa zaho mana hevetre hafa. [16]Ka amizao are, mindehana malaky naho taono agne amy Davida; rehafo re hoe:'
Ko mitobe ao amireo fita Araba androany hale, fa mitsaha amity fomba iaby, laha tsy zay le ho voatele miarake
amireo vahoake iaby ze miarake amine ty mpanjaka."[17]Naho Jonatana vaho Ahimaza nitoboke teo amity loharano
i En-rogela. Nisy mpanompo vave natao hindeha vaho hampahay iereo ty amize tokone ho hay iereo, fa tsy
natahora ho hisake ty filira iereo ao antana. Laha fa avy ty talily, le nindeha vaho nirehake i Davida Mpanjaka
iereo. [18]Nefa nisy ajalahy nahisake iereo tamio nadro o ka nirehake tamy Absaloma. Le niakatre malaky ty
Jonatana vaho Ahimaza naho nimbaeo antragno ty lahilahy raike tao Bahorima, ty nana lavan-drano teo
antokotanene, tao ro nizotroa iereo.[19]Nangalake fanakofa ty lava-drano ty valin-dralehilahy naho nanako zay
tamity vava ty lava-drano, naho nanjara vare teo amizay, ka le tsy nisy nahay fa tao amity lava-drano ty Jonatana
vaho Ahimaza. [20]Niavy tao amin-drapelane tao antragno reo lahilahy Absaloma naho nanao hoe:" Aia ty Ahimaza
vaho Jonatana?" Hoe rampela tamiereo hoe:" Le fa nitsake ty rano iereo." Ka laha fa baka nanente ty magnodidy
iereo ka tsy nahisake iereo, le nihere tagne Jerosalema.[21]Naho laha fa lasa iereo le niakatre bakao andavadrano
Jonatana vaho Ahimaza. Nindeha nitalily tagne amy Davida Mpanjaka iereo; hoe iereo tamine hoe:' Mitsangana
naho mitsaha malaky ty rano satria Ahitofela le fa nagnomea torohevetre hoe zao vaho hoe zao momba anao."
[22]Le nitsanga Davida vaho ty ndaty iaby ze niarake tamine, ka nitsake agne Jordana iereo. Aloha ty andro maray
le tsy nisy tsy tafita agne Jordana iereo.[23]Laha fa hisa i Ahitofela fa tsy norihe ty torohevene, le nagnisy lasele ty
borikene re naho lasa. Noly tagne antanane re, nandamy reo rarahane, naho nagnato-bata. Tamize fomba zay ro
nahafate aze naho naleve tagne amity kiborin-draene re.[24]Bakeo Davida le niavy tagne Mahanaima. Laha ty amy
Absaloma, le nitsake i Jordana re, re vaho reo lahilahy Israely iaby niarake tamine. [25]Naho Absaloma nametrake i
Amasa fa tsy Joaba hifehe ty tafike. Amasa le anadahy Jitra Ismaelita, ty niroro niarake tamy Abigalia, ty
anak'ampela i Nahasa naho rahavave Zeroia, rene Joaba. [26]Naho Israely vaho Absaloma le nitobe tao amity tane
Gileada.[27]Naho laha fa tao Mahanaima ty Davida, i Soby anadahy Nahasa bakao Raba ao amireo Amonita, vaho
Makira anadahy Amiela bakao Lo-debara, naho Barzilay Gileadita bakao Rogelima, [28]le ninday fandrea vaho
bodofoty, finga vaho velagne, vaho vare, kobam-bare hordea, lango, tsaramaso, vagnemba, [29]tantale, dibera,
agnondry, naho ronono mandre, mba hahafa i Davida vaho reo vahoake niarake tamine mihina. Hoe reo lahilahy
reo hoe:" kere, rokake, naho maran-drano agne agnefetre ty vahoake."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 18

1Nanisa reo miaramila ze niarake tamine Davida naho nanendre kapitene ty arivo vaho kapitene ty zato teo
amiereo. 2Bakeo le nalefa Davida ty tafike, ty ampahatelo teo ambane fifehea Joaba, ty ampahatelone raike hafa
teo ambane fifehea Abisay anadahy Zeroia, rahalahy Joaba, naho ampahatelone raike hafa teo ambane fifehea
Itahy Gatita. Hoe ty mpanjaka tamity tafike hoe:" Izaho avao kea le hindeha hiarake aminareo vatane."3Fa hoe reo
lahilahy hoe:" Ao tsy hindeha amity aly riha, fa laha milay amity aly zahay le tsy hiraharaha ze momba anay
iereo, na laha mate ty ilanay le tsy hiraharaha iereo. Fa riha le tsy soa ty ray ale aminay! Noho zay le soa laha
vogno hagnampe anay bakatoy amity tana riha." 4Ka namale iereo ty mpanjaka hoe:" Ho ataoko ze mete ho soa
aminareo." Le nitsanga teo amity vavahady ty mpanjaka zisike niakara ty isan-jatone vaho isan'arivo ty tafike.
5Nandily Joaba, Abisay, naho Itahy ty mpanjaka nanao hoe:" Noho ty amiko le mifagnaraha amin-kasoam-
pagnahy amity ajalahy, amy Absaloma." Ty vahoake iaby le naharey fa nagnomea zay baiko zay reo kapitene
momba i Absaloma ty mpanjaka.6Ka lasa nimbaeo ambanevolo nandietse i Israely ty tafike; nizara tamity ala
Efraima ty aly. Resy tagne teo agnoloa reo miaramila Davida ty tafike Israely; nisy famonoa ndaty roe ale tagne
tamio andro o. 8Nizara erake ty faritre iaby ty aly, naho maro kea ty ndaty rava ty ala noho ty meso.9Naho nifanao
tamity ilane tamireo miaramila Davida ty Absaloma. Nitikitse ty ampondrane re, naho nindeha tao ambane
sampagna mateve ty hetae terebinta bey ty ampondrane, ka voata tao amity taho ty hetae ty lohane. Tavela
niraviravy teo agnivo ty tane vaho ty lagnitse re laha lasa ty ampondrane nitikirane. 10Nisy ndaty raike nahisake
zay ka nanao ty hoe tamy Joaba hoe:' Ingo, hisako nihanto tamity hetae terebinta ty Absaloma." 11Hoe ty Joaba
tamity ndaty ze nirehake tamine ty momba i Absaloma:" Ingo, hisanao re! Nagnino ro tsy finofonao hitonta amity
tane re? Mete hameako sekela volafoty folo vaho santira riha."12Namale i Joaba ty ndaty hoe:" Na le nadrambe
sekela volafoty arivo aza raho, le mboe tsy hamototre ty tagnako amity ana ty mpanjaka, satria reinay iaby fa ty
mpanjaka le nibaiko anao, i Abisay, vaho Itahy, nanao hoe:' Ao tsy hisy na ia ia hikasike ty ajalahy le i Absaloma.'
13Laha nahafoe ty fiaiko tamity vande raho(naho tsy misy zaka mihaja amity mpanjaka), le mete ho nagnary ahy
riha."14Le hoe ty Joaba hoe:" Tsy handy anao raho." Ka nangalake lefo telo tegne antagna Joaba naho nandeteke
reo tao amity fo i Absaloma, laha mboe velo vaho nihanto teo amity hetae terebinta re. 15Bakeo reo ajalahy folo ze
ninday ty zaka-fialia Joaba nagnodidy i Absaloma, nagnisy aze, naho namono aze.16Bakeo Joaba nitioke ty
trompetra, naho nihere bakamity fagniagna Israely ty tafike, satria ty Joaba ro nifehe ty tafike. 17Nalae iereo
Absaloma ka natora iereo tagne agnate lavake bey tao agnala; naleve iereo tao ambane antontam-bato bey ty
vatane, laha ohatre ka nilay ty Israely iaby, ty ndaty iaby ho agne antragnone aby.18Naho i Absaloma, laha mboe
velo, le nagnore antontam-bato bey tao amity baibo ty mpanjaka ho aze, fa hoe re hoe:" Tsy mana-gnanake lahy
hinday ty agnarako raho." Nomeane ty agnarane ty antontam-bato, ka tamio andro o avao le nikaike hoe:
Tsangam-bato i Absaloma zay.19Naho hoe ty Ahimana ana i Zadoka hoe:" Engao hilay hinday vaovao mahafale ho
agne amity mpanjaka raho, le ty fomba namonjea Yaveh aze teo antagna reo fahavalone." 20Namale aze ty Joaba
hoe:" Tsy riha ro ho mpinday vaovao androany; ao amity andro magnarake riha ro manao zay. Tsy hinday
vaovao riha androany satria mate ty anadahy ty mpanjaka."21Naho hoe ty Joaba tamity Kosita raike hoe:"
Mindehana, ambarao amity mpanjaka ze hisanao." Le nihohoke teo amy Joaba ty Kosita, naho lasa nilay. 22Bakeo
ty Ahimaza ana i Zadoka mboe nirehake tamy Joabe ndraike hoe:" Na ino ino mete hiseho, le engao hilay avao
kea raho ka hagnorike ty Kosita." Joaba namale hoe:" Nagnino riha ro-tehilay, ry zanako, nefa mahisake fa tsy
hahazo valesoa amireo vaovao riha?" 23"Na ino ino miseho," hoe ty Ahimaza, "Le hilay raho." Ka namale aze ty
Joaba hoe:" Milaisa." Naho nilay tamity tane gebo ty Ahimahaza, ka nihoatre ty Kosita.24Naho Davida nitoboke teo
agnivo ty agnatene vaho ambalike ty vavahady. Nindeha tegne amity tafo ty vavahady tegne amity manda ty
mpiambe naho nagnakatre ty masone. Laha nanente re, le nahisake lahilahy namonje, nilay raike. 25Nikorake ty
mpiambe naho nirehake tamity mpanjaka. Le hoe ty mpanjaka hoe:" Laha arere re, le misy vaovao ao
ambavane." Namonje marine ty mpilay naho niharine ty tana.26Bakeo le nahisake mpilay raike hafa ty mpiambe,
ka nampikaike ty mpiambe vavahady re; hoe re hoe:" Ingo, misy ndaty raike hafa milay arere." Hoe ty mpanjaka
hoe:" Minday vaovao avao kea re." 27Ka nirehake ty mpiambe hoe:" Manahake ty filaisa Ahimaza ana i Zadoka ro
fahitako ty filaisa ty ndaty raike aloha eo." Hoe ty mpanjaka hoe:" Lahilahy soa re naho avy miarake amity
vaovao mahafale."28Le nikaike mafe Ahimaza naho nirehake tamity mpanjaka hoe:" Mete ty zaka-iaby."
Nagnohoke ty vatane tamity tane teo agnoloa ty mpanjaka re naho nanao hoe:" Lazae anie Yaveh Zagnahareko!
Nagnafake ty ndaty ze nagnakatre ty tagna iereo nandietse ty mpanjaka tompoko re." 29Ka namale ty mpanjaka
hoe:" Mete soa vao ty amity ajalahy Absaloma?" Namale Ahimaza hoe:" Laha fa nandefa ahy, mpanompo ty
mpanjaka, hombaminao mbeto ty Joaba, ry mpanjaka, le nahisake koronta bey raho, fa tsy haiko hoe ino zay."
30Le hoe ty mpanjaka hoe:" Mitoliha kede naho mitsangana eto." Ka nitolike kele Ahimaza, naho nitsanga.31Le

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

niavy teo tsiela ty Kosita ka nanao hoe:" Misy vaovao mahafale ho anao ry mpanjaka tompoko, fa amizao Yaveh
le namale fate anao tamireo iaby ze nitsanga nandietse anao." 32 Naho hoe ty mpanjaka tamity Kosita hoie:" Mete
soa vao ty amity ajalahy Absaloma?" Namale ty Kosita hoe:" Reo fahavalo ty mpanjaka tompoko, vaho reo iaby ze
nitsanga mandietse anao mba hamere anao, le tokone hanahake i ajalahy io." 33 Le naleme mafe ty mpanjaka, ka
niakatre tagne amity efetragno ambone ty vavahady re ro nitoreo hoe:" Absaloma anako, ty anako, Absaloma
anako! Tokone ho izaho ro mate fa tsy riha, ry Absaloma, ty anako, ty anako!"

Chapter 19

[1]Natalily tamy Joaba hoe:" Ingo, mitagny vaho mandala i Absaloma ty mpanjaka." [2]Ka le nivalike fandala ho ahy
ty tafike iaby ty faharesea tamio andro o, fa ty tafike naharey zay tamio andro o hoe:" Mandala ho ahy ty
anadahine ty mpanjaka."[3]Tsy maintsy niala ambalike ty tana tamio andro o reo miaramila, manahake ty vahoake
megnatre miala moramora laha hindeha agnaly iereo. [4]Nanako ty tarehene ty mpanjaka naho nitagny tamity feo
mafe hoe:" Ry Absaloma anako, Absaloma, ty anako, ty anako!"[5]Naho nilitse tao antragno tao amity mpanjaka ty
Joaba naho irehake tamine ho:" Nagnafa baraka reo tarehe ty miaramilanao iaby androany, ty nagnavotre ty
fiainao androany, ty fiay reo ananao lahy vaho reo vave, vaho ty fiay reo valinao naho ty fiay reo valy ty
ndevonao riha, [6]satria riha le tea reo ze malay anao, naho malay reo ze tea anao. Ta androany le natoronao fa
tsinontsino aminao reo mpifehe vaho miaramila. Amizao le mino raho fa laha velo ty Absaloma, naho mate iaby
tika, le ho nahafale anao zay.[7]Ka laha zao mitsangana ka miakara naho rehafo am-pahasoava reo miaramilanao,
fa mifanta amy Yaveh raho, fa laha tsy mindeha riha, le tsy hisy ndaty na raike aza hijano miarake aminao
androany hale. Ho raty kea aminao noho ty loza iaby ze le fa nahazo anao tamity hakeleanao ka zisikamizao zay."
[8]Ka nitsanga ty mpanjaka naho nitoboke teo ambavahady ty tana, naho ty vahoake iaby nirehafa hoe:" Ingo,
mitoboke eo ambavahady ty mpanjaka," naho nimbaeo agnoloane ty vahoake iaby. Le nilay ty Israely, sambe
nimbaeo antragnone aby ty ty ndaty iaby.[9]Naho ty vahoake iaby nialy hevetre ty amity foko Israely iaby nanao hoe:"
Namonje antika teo antagna reo hafavalontika ty mpanjaka, naho nagnavotre antika teo antagna reo Filistina re,
fa henanezao le nilay ty rane re noho i Absaloma. [10]Absaloma, ze hinosontika hanjaka teto amintika, le fa mate
tagne agnaly. Ka nagnino nareo eo tsy mirehake na ino ino ty amity fampolia ty mpanjaka?"[11]Davida mpanjaka
nagnirake tagne amy Zadoka vaho Abiatara mpisoro nanao ho:" Irehafo reo olobey i Joda hoe:' Nagnino ro nareo
ndraike ro farane amity fampolia ty mpanjaka agne amity lampane, nefa ty reha ty Israely iaby le tea ty
mpanjaka, mba hinday aze hihere agne amity lampane? [12]Rahalahiko nareo, nofoko vaho taolako. Ka nagnino ro
nareo ndraike ro farane amity fampolia ty mpanjaka?'[13]Naho irehafo ty Amasa hoe:' Feie vao riha tsy nofoko vao
taolako? Hataon'Agnahare amiko anie zay, naho mihoatre noho zay aza, laha tsy kapitene ty tafiko eo amity toera
i Joaba riha manomboke zao." [14]Naho le babone manahake ty ndaty raike reo arofo ty lahilahy Joda iaby.
Nagnirake tagne amity mpanjaka iereo nanao hoe:" Miheregna, riha vaho ty ndatinao iaby." [15]Le nihere ty
mpanajak ka niavy teo amity Jordana. Naho ty vahoake Joda niavy teo Gilgala mba hanalaka ty mpanjaka naho
bakeo hinday ty mpanjaka hitsake ty jordana.[16]Simey anadahy Gera, ty Benjamita, ze bakagne Bahorima, le
nozotro malaky niarake tamity vahoake Joda mba hanalaka Davida Mpanjaka. [17]Nisy arivo lahy bakagne
Benjamina niarake tamine, naho Ziba ty mpanompo i Saoly, vaho reo anadahine dime amby folo naho reo
mpanompone roapolo niarake tamine. Nitsake ty Jordana teo agnoloa ty mpanjaka iereo. [18]Nitsake mba hinday ty
foko ty mpanjaka vaho hanao iaby ze dininene fa soa iereo. Nihohoke teo agnoloa ty mpanjaka ty Simey anadahy
Gera aloha ty hitsahana ty Jordana.[19]Hoe ty Simey tamity mpanjaka hoe:" Aha, ry tompoko, ko masiake ahy na
mahatiaro ze natao ty mpanomponao tamim-pimafean-doha tamity andro niala ty mpanjaka tompoko tao
Jerosalema. Mangatake, ao tsy handay zay ampo anie ty mpanjaka. [20]Fa reo mpanomponao le mahay fa le fa
nidiso raho. Ingo, zay ro antone nahavy ahy voalohane tamireo foko Josefa iaby androany mba hizotro hanalaka
ty mpanjaka tompoko."[21]Fa i Abisay anadahy Zeroia namale naho nanao hoe:" Tsy tokone ho vonoe vao ty Simey
noho zay, satria nagnozo ty voahoso Yaveh re?" [22]Naho i Davida nanao hoe:" Feie mpino raho vaho riha, ry
anadahy Zeroia, ro tokone ho mpandietse ahy nareo amizao? Tokone hisy lahilahy ho vonoe vao eto Israely
androany? Fa asa tsy haiko vao fa raho ro mpanjaka Israely androany?" [23]Ka nirehake tamy Simey ty mpanjaka
hoe:" Tsy ho mate riha." Le nampagnategna aze tamim-pifanta ty mpanjaka.[24]Naho Mefiboseta anadahy Saoly
nizotro mba hanalaka ty mpanjaka. Tsy nagnisy kapa ty tombone re, na nagnafake ty volom-bavane, na nanasa
reo lambane nanomboke tamity andro nindehana ty mpanjaka ka zisike amity andro niaviane soa avao
tantragno ao. [25]Ka laha fa niavy bakagne Jerosalema re mba hanalaka ty mpanjaka, le hoe ty mpanjaka tamine
hoe:" Nagnino riha ro tsy niarake tamiko, ry Mefiboseta?"[26]Namale re hoe:" Ry mpanjaka tompoko, namitake ahy
ty mpanompoko, fa hoe raho hoe:' Hagnisy lasele ty ampondrako raho mba hahafahako mitikitse zay vaho
miarake amity mpanjaka, satria mandany ty mpanomponao. [27]Ziba mpanompoko le fa ngnendrekendreke ahy,
mpanomponao, tamity mpanjaka tompoko. Fa ty mpanjaka tompoko le manahake ty anjelin'Agnahare. Laha zao,
anovo ze soa eo amasonao. [28]Satria ty foko ty raeko iaby le fa lahilahy mate eo agnoloa ty mpanjaka tompoko,
kanefa riha nametrake ty mpanomponao ho agnate reo ze nihina teo amity latabanao arere. Ka ino kea laha zao
ro rarene ho ahy ze tokone mboe hitaraignako amity mpanjaka?"[29]Le hoe ty mpanjaka tamine hoe:" Nagnino ro
magnazava zaka maro?" Le fa nanapa-kevetre raho fa riha vaho Ziba ro hizara reo baibo." [30]Naho Mefiboseta
namale ty mpanjaka hoe:" Egne, ao re hanagalake aze iaby, satria ty mpanjaka tompoko le fa niavy soa avao


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

antragnone ato."[31]Naho Barzilay Gileadita le nizotro bakagne Rogelima mba hitsake i Jordana miarake amity mpanjaka, naho nanese ty mpanjaka nitsake i Jordana re. [32]Barzilay le lahilahy le fa vatane antetre, valompolo tao. Le fa nagnomea vatse ty mpanjaka re tamy re nitoboke tao Mahanaima, satria lahilahy vatane mpagnarivo re. [33]Hoe ty mpanjaka tamy Barzilay hoe:" Nindeha hiara-hitsake amiko, naho hagnomea anao toera miarake amiko agne Jerosalema raho."[34]Barzilay namale ty mpanjaka hoe:" Jale vao ro sisa andro iaignako, ro mboe tokone hiara-hiakatre amity mpanjaka agne Jerosalema raho? [35]Valompolo tao raho. Mahay magnavake ty soa vaho ty raty vao raho? Mahavita mihina ze haneko vaho nomeko vao ty mpanomponao? Feie vao maharey ty feo ty mpiantsa lahy vaho vave sase? Ka nagnino ty mpanomponao ro mboe hamesatre ty mpanjaka tompoko? [36]Tehitsake i Jordana miarake amity mpanjaka avao ty mpanomponao. Ka nagnino ty mpanjaka ro le hamale hatea ahy manahake zay?[37]Ao rie ty mpanomponao holy, mba ho mate agne amity tanako eo agnila ty kibory ty raeko vaho ty reneko raho. Fa ingo, intoy ty Kimama mpanomponao. Ao re hiara-hitsake amity tompoko mpanjaka, naho anovo amine ze dinehenao fa soa aminao."[38]Le namale ty mpanjaka hoe :"Hiara-hitsake amiko ty Kimama, naho hataoko amine ze dinehenao fa soa, naho na ino ino irienao amiko atoy, le hataoko zay ho anao." [39]Naho le nitsake i Jordana ty vahoake iaby, nitsake ty mpanjaka, le nagnoroke i Barzilay re naho nitso-drano aze. Le noly tagne antragnone ty Barzilay.[40]Le nitsake i Gilgala ty mpanjaka, naho Kimama nitsake niarake tamine. Ty tafike Joda iaby le ninday ty mpanjaka nitsake, naho kea ty ila-tafike ty Israely. [41]Tsiela le nanomboke niavy teo amity mpanjaka ty lahilahy Israely iaby naho nirehake tamity mpanjaka hoe:" Nagnino reo rahalahintika, reo lahilahy Joda, ro nangalatre anao naho ninday ty mpanjaka vaho ty fokone nitsake Jordana, naho ty lahilahy Davida iaby niarake tamine?"[42]Le namale ty lahilahy Israely ty lahilahy Joda hoe:" Zay le satria ty mpanjaka marine kea. Ka nagnino nareo ro meloke amizay? Le fa nandany ze vinily ty mpanjaka vao zahay? Le fa nagnomea fagnomea ho anay vao re?" [43]Le namale ty lahilahy Joda ty lahilahy Israely hoe:" Mana fokofolo mifandrambe amity mpanjaka zahay, laha zao manan-jo kea ty amy Davida noho nareo zahay. Ka nagnino nareo ro manao tsinontsino anay? Feie vao tsy ty toro-hevenay ty amity hindaisa ty mpanjakanay hihere ro rey voalohane?" Fa reo reha ty lahilahy Joda le mahere kea noho reo reha ty lahilahy Israely.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 20

[1]Sendra nisy mpagnoronta raike teo amity toera naho Seba ro agnara ty anadahy Bikry, Benjamita raike re.
Nitioke ty trompetra re vaho nirehake hoe:" Tsy mana anjara agne amy Davida tika, ro vaho tsy mahazo lova
agne amity anadahy Jese. Engao ty lahilahy iaby holy agne antragnone, ry Israely." [2]Laha zao le niala i Davida reo
lahilahy Israely iaby naho nagnorike i Seba anadahy Bikry. Nefa reo vahoake Joda nipiteke nagnorike ty
mpanjaka iereo, bakamity lala Jordana iaby ka zisikagne Jerosalema.[3]Laha fa niavy tao amity lampane tao
Jerosalema ty Davida, le nangalake reo valy ndevo folo ze nengane hiambe ty lampa re, naho natobone tao amity
tragno raike voambe iereo. Nagnomea iaby ze pinaine re, fa tsy niarake-niroro tamiereo sase. Ka nihily tao iereo
mandra-piavia ty andro nifatezane, nivelo manahake ty mpivem-bata iereo.[4]Naho hoe ty mpanjaka tamy Amasa
hoe:" Avorio ao agnate ty telo andro reo lahilahy Joda; tsy maintsy eto avao kea riha." [5]Le lasa Amasa namory reo
lahilahy Joda, nefa naharetre ela kea noho ty andro ze nandilia ty mpanjaka aze re.[6]Ka hoe ty Davida tamy Abisay
hoe:" Amizao ty Seba anadahy Bikry le hanao raty antika mihoatre noho ty natao Absaloma. Ento reo mpanompo
ty tomponao, reo miaramilako, ka hiagno re, laha tsy zay hahisake tana manda re ka tsy ho hisantika." [7]Le lasa
nagnia iereo ty lahilahy Joaba, niarake tamireo Keretita vaho reo Peletita naho reo mpialy mahere iaby. Niala tao
Jerosalema iereo mba hagnia i Seba anadahy Bikry.[8]laha fa teo amity vato foloay ze tao Gibeona iereo, le niavy ty
Amasa mba hanalaka iereo. Le fa nagnanova Joba tegne amine ty akanjo fialia, ze nisy santira tegne ambalahane
niarake tamity fisy mesone nifehe tamizay. Naho laha nindeha re, le nipoke ty meso.[9]Ka hoe ty Joaba tamy Amasa
ty hoe:" Salama soa vao riha, ry rahalahiko? Rinae Joaba tamin-katea tamity tagnane havana ty vao i Amasa mba
horofane. [10]Tsy hay Amasa ty meso kele ze tegne antagnane ankavia Joaba. Tinombo Joaba teo amity trone ty
Amasa, ka nidaraboke tamity tane reo tinaine, tsy nagnisy aze sase Joaba, naho mate ty Amasa. Laha zao le
nagnia Seba anadahy Bikry ty Joaba vaho Abisay rahalahine.[11]Bakeo le nijano teo amy Amasa ty raike tamireo
lahilahy Joaba, naho hoe ty lahilahy hoe:" Ze miomba Joaba, vaho ze miomba Davida, engao re hagnorike Joaba."
[12]Nihose ty lione teo agnivo ty lala ty Amasa. Laha fa hisa ty lahilahy fa nijano ty ndaty iaby, le nafindrane niala
teo amity lala ho agne amity baibo Amasa. Sinarone lamba teo ambonene satria hisane fa ze ndaty mandrio eo
amine le mijano. [13]Laha fa baka nafaha teo amity lala ty Amasa, le nagnorike Joaba hagnia i Seba anadahy Bikry
ty lahilahy iaby.[14]Seba le namakivaky reo foko Israely iaby tagne Abela agne Beti-maka, vaho nagnera ty tane ty
Berita iaby, ze nivory naho nagnia i Seba avao kea. [15]Tratre re ka natao iereo faherano tagne Abela tagne Beti-
maka. Nagnakatre tovon-tane raike magnoloa ty manda teo amity tana iereo. Ty tafike iaby ze nagnorike Joaba le
nandrava ty manda mba hanonta zay. [16]Bakeo le nisy ampela mare raike nikaike ty tao antana hoe:" Dranjigno,
mba dranjigno rie, ry Joaba! Mindeha agnilako eto mba ho afake hirehake aminao raho."[17]Ka namonje aze ty
Joaba, hoe ty ampela ty hoe:" Iriha vao ro Joaba?" Le namale re ty hoe:" Izaho ro ie." Naho hoe re tamine hoe:"
Dranjigno ty reha ty mpanomponao." Le namale re ty hoe:" Midranjy raho." [18]Le hoe re ty hoe:" Reha reo taloha ty
hoe:" Mipaia hevetre agne amy Abela,' naho ze hevetre zay ro hampijano ty hasahira. [19]Izahay le tana raike
amireo ze vatane milamy vaho matoky vatane eto Israely. Mikasa hamoteke tana raike ty roene eto Israely riha.
Nagnino riha ro mipay hihina ty lova Yaveh?"[20]Ka namale ty Joaba naho nanao ty hoe:"Sagnatria, le sagnatria
amiko, ty hangalake na hanimba. [21]Tsy mare zay. Fa misy lahilahy raike bakagne amity tane tazoa Efraima, atao ty
hoe Seba anadahy Bikry, nagnakatre ty tagnane handietre ty mpanjaka, handietre i Davida. Ie arere ro atoloro, le
hiala eto amity tana raho." Hoe rampela tamy Joaba ty hoe:" Hatorake eo aminao hiakatre ty manda ty lohane.
[22]Naho tamim-pahamareane ro namonjea ty ampela ty ndaty iaby. tinampa iereo ty loha Seba anadahy Bikry
naho natora iereo teo amy Joaba. Bakeo nitioke ty trompetra re naho niala ty tana reo lahilahy Joaba, ty lahilahy
iaby ho agne antragnone iaby. Bakeo ty Joaba le nihere tagne Jerosalema ho agne amity mpanjaka.[23]Naho Joaba le
ambone reo tafike ty Israely iaby, naho Benaia anadahy Joiada le ambone reo Keretita vaho reo Peletita.
[24]Adorama le ambone reo lahilahy ze nanao asa antseresere. Naho Josafata anadahy Ahiloda ro mpagnajary.
[25]Seva ro mpanora-dala, naho Zadoka vaho Abiatara ro mpisoro. [26]Ira ty Jairita ro mpagnomea hevetre i Davida.

Chapter 21

[1]Nisy kere zisike ty telo tao nifanese tamity andro Davida, naho nipay ty vata Yaveh ty Davida. Ka hoe ty Yaveh
hoe:" Eo aminareo o kere eo noho i Saoly vaho ty fokone mpamono ndaty, satria namono reo Gibeonita re."[2]Naho
reo Gibeonita le tsy bakamity vahoake Israely; fa bakamity ila reo Amorita iereo. Le fa nifanta tsy hamono iereo
ty vahoake Israely, feie niezake hamono iereo tamity sitram-pone avao ty Saoly ho ahy reo vahoake Israely vaho
Joda. [3]Laha zao ty Davida mpanjaka le nikaike niarake reo Gibeonita naho nanao tamiereo ty hoe:" Ino ro tokone
hataoko ho anareo? Akore ro hahafahako manao fagnavota, mba hagnomezanareo tso-drano reo vahoake Yaveh,
ze mandova ty hasoane vaho reo fampagnantegnane?"[4]Namale iereo Gibeonita ty hoe:" Tsy rehake volafoty na
volamena eo aminay vaho Saoly na ty fokone zay. Manahake zay kea ro tsy hamonoanay ndaty ao Israely." Le
namale ty Davida hoe:" Ino ro rehafenareo fa tokone hataoko ho anareo?"[5]Namale ty mpanjaka iereo ty hoe:" Ty
lahilahy ze niezake hamono anay iaby, ty nanao hevetre handiera anay, mba ho poteke zahay zao naho tsy hana
toera ao amireo sisin-tane Israely__[6]ao hisy lahilahy fito bakamity fokone hatolotre anay, naho hamonje iereo eo
agnoloa Yaveh agne Gibea Saoly, ty raike finily Yaveh zahay." Le hoe ty mpanjaka hoe:" Hameako anareo
iereo."[7]Fa nandefetre tamy Mefiboseta anadahy Jonatana anadahy i Saoly ty mpanjaka, noho ty fifanta Yaveh teo
amiereo, teo amy Davida vaho Jonatana, anadahy Saoly. [8]Kanefa nalae ty mpanjaka reo anake roe lahy i Rizpa
anakampela Aia, anane bakamy Saoly__Armony vaho Mefiboseta ro agnara reo roe lahy; naho nalae Davida avao
kea reo anake dime lahy i Mikala anakampela Saoly, ty bakamy Adriela anadahy Barzilay ty Meholatita. [9]Natolone
teo antagna reo Gibeonita iereo. Nahanto iereo tagne ambohitse nagnoloa Yaveh iereo, naho niara-mate ie fito.
Tamity androm-pararano ro namonoa iereo, zisike ty andro voalohane tamity nanomboha ty fihaza ty vare
hordea.[10]Bakeo ty Rizpa, anakampela Aia, nangalake lamba fandala naho namelatre zay ho ahy ty vatane teo
amity vohitse agnila reo vata-manintsy, zisikamity nanomboha ty fihaza ka zisikamity niavia ty ora teo amiereo
bakagne andagnitse. Tsy nengane hagnoronta reo raza ty voro ty lagnitse ty atoandro na reo bibin'ala ty hale.
[11]Natalily tamy Davida ze natao Rizpa, anakampela Aia, ty valy ndevo Saoly.[12]Laha zao le nindeha ty Davida naho
nangalake ty taola Saoly vaho ty taola i Jonatana anadahine teo amireo lahilahy Jabesi-gileada, ze nagalatre reo
tao ankianja ty ndaty iaby tagne Beti-sana, tagne amize nagnatogna reo Filistina iereo, laha fa baka namono i
Saoly tao Gilboa iereo. [13]Nalae Davida hiala tao ty taola Saoly vaho ty taola Jonatana anadahine, naho namory ty
taola reo lahilahy fito ze nahanto avao kea iereo.[14]Naleve iereo tagne amity tana Benjamina tagne Zela ty taola
Saoly vaho Jonatana anane, tao amity kibory Kisy raene. Natao iereo iaby ze nililie ty mpanjaka. Tafara zay le
vinalen'Agnahare ty vavake iereo ho ahy ty tane.[15]Bakeo reo Filistina le nindeha nialy tamy Israely ndraike. Laha
zao le nizotro niarake tamity tafine ty Davida naho nialy nandietre reo Filistina. Rerake ty aly Davida.
[16]Jisbibenoba, foko ty Refaita, ty ninday telonjato sekele ty lefone varahy, naho ty nana meso zaka-fialia vaovao, le
nikasa hamono Davida. [17]Kanefa Abisay ana i Zeroia nagnavotre i Davida, nanafike ty Filistina, naho namono aze.
Bakeo reo lahilahy Davida nifanta tamine, nanao ty hoe:" Tsy tokone hindeha hialy hiarake aminay sase riha,
mba tsy hamonoanao ty jiro Israely."[18]Naho tafara io le nisy aly niarake tamireo Filistina ndraike tao Goba, laha fa
vinono i Sibeka ty Hosatita i Safa, ty raike tamity foko reo Refaita. [19]Le nisy aly ndraike tamireo Filistina tao Goba,
ty namonoa i Elanana anadahy Jare Betlehemita i Goliata ty Gatita, ze hoe ty voly teno ty mpagneno ty lefone.
[20]Naho tamity aly hafa tao Gata le nisy lahilahy foloay nana rambo-tagna ene isake ty tagnane naho rambo-
tomboke ene isake ty tomboke, efatre amby roapolo ty isane. Bakamity foko Refaita avao kea re. [21]Laha fa
nagnafake Israely re, le vinono Jonatana anadahy Simea, rahalahy Davida. [22]Reo ro foko Refaita tao Gata, naho
vinono ty tagna Davida vaho ty tagna reo miaramilane re.

Chapter 22

[1]Niantsa ho ahy Yaveh reo rehake amity antsa toy tamity andro ze nagnavota Yaveh aze teo antagna reo
fahavalone iaby, vaho teo antagna Saoly ty Davida. [2]Nivavake re hoe:" Yaveh ro vatolampiko, fiaro mafe ho ahy, ty
raike ze namonje ahy.[3]Zagnahare ro vatolampiko. Mialoke eo amine raho. Ire ro fiaroko, ty trifa ty famonjea ahy,
fiaro mafe ho ahy, vaho fialofako, ty raike ze magnavotre ahy amity rehareha. [4]Hikaike Yaveh, ze mate ty ho lazae
raho, ka ho avotre amireo fahavaloko raho.[5]Fa nagnodidy ahy reo aloke ty fate, nanafotre ahy reo rano mily ty
harava. [6]Nagnodidy ahy reo taly ty fiaigna-tsy hisake; namandrike ahy reo fandrike ty fate.[7]Tamity fijaleako ro
nikaihako Yaveh; nikaike an'Agnahare raho; naharey ty feoko bakao antempoline Re, naho niavy teo antsofine ty
kai-kaiko.[8]Le nita vaho nihovitre ty tane. Nihovitre vaho voahozongozo ty fioregna ty lagnitre, satria meloke ty
Zagnahare. [9]Niakatre bakamity vavorone ty deboke, naho afo milebaleba ro niakatre bakamity vavane. Voa rehe
zay ty vaen'afo.[10]Namoha ty lagnitre Re ka nizotro, naho ty iem-pito tao ambane tombone. [11]Nitikitre Kerobima Re
ka nitily. Hisake tegne agnela ty tioke re. [12]Nataone ho tragno nagnodidy Aze ty ieke, namory rahon'ora mateve
tegne amireo lagnitse re.[13]Bakamity helatre teo agnoloane ro nipoha ty vaen'afo. [14]Yaveh nampihotrokotroke
bakagne andagnitse. Nikorake mafe ty agnabo vatane. [15]Nandefa folese Re ka nagnele reo fahavalone__nandefa
helam-pahazava ka nizara iereo.[16]Bakeo le niseho ty fantson-drano; niboake tamity korak'aly Yaveh ty
fagnambanea zao iaby zao, tamity fipoa ty fofognay ty vavorone.[17]Nizotro bakagne ambone Re; nita mafe ahy Re!
Naninto ahy tamity rano magnoja Re. [18]Namonje ahy tamity fahavaloko mafe Re, tamireo ze nalay ahy, satria
vatane nimafe iereo tamiko.[19]Niavy nandietre ahy iereo tamity androm-pijaleako, kanefa Yaveh ro mpikala ahy.
[20]Nagnajatre ahy ho agne amity toera mivelatre avao kea Re. Namonje ahy Re satria fale tamiko. [21]Le fa namale
soa ahy tamity meta ty hamareako Yaveh; le fa nagnere ahy tamity lalane tamity meta ty falio ty tagnako Re.[22]Fa
le fa ninday reo lala Yaveh raho naho tsy mba nanao ty raty tamity fiala tamity Zagnahareko. [23]Satria reo liline
mare iaby le fa teo agnoloako; laha ty amireo liline kea, le tsy nivio tamirey raho.[24]Le fa tsy nanan-tsiny teo
agnoloane avao kea raho, naho niambe ty vatako tsy hanonta raho. [25]Laha zao le nahere Yaveh tamity lalane
tamity meta ty falioko teo amasone.[26]Ho ahy ty raike ze matoky, manoro ty vatanao ho matoky Riha; ho ahy ty
ndaty ze tsy manan-tsiny, le manoro ty vatanao ho tsy manan-tsiny Riha. [27]Amity malio le manoro ty vatanao ho
malio Riha, fa mivalike amireo mpiotakotake Riha.[28]Magnavotre reo ndaty ore riha, nefa reo masonao le
mandietre ty mpirehareha, naho ambanenao iereo. [29]Fa Riha ro faniloko, ry Yaveh. Magnazava ty faieko Yaveh.
[30]Fa noho Riha le afake milay mihoatre ty fita raho; noho ty Zagnahareko le afake mandika rindry raho. [31]Laha ty
amin'Agnahare, lefe ty lalane. Malio ty safa Yaveh. Re le fiaro ho ahy reo iaby ze mialoke amine eo.[32]Fa ia ro
Zagnahare laha-tsy Yaveh, naho ia ro vatolampy laha tsy ty Zagnaharentika? [33]Zagnahare ro fialofako, naho
mitarike ty ndaty tsy manan-tsiny amity lalane Re.[34]Mampalaky ty tomboko manahake ty diera Re naho
mametrake ahy egne amity tazoa agnabo. [35]Magnanatre ty tagnako amity aly Re, vaho ty sandriko hamoretre
folese varahy.[36]Le fa nagnomea ahy ty fialofa ty famonjeanao Riha, naho zotonao ro nanao ahy ho foloay. [37]Le fa
nanao toera bey ho ahy ty tomboko teo ambaneko riha, ka tsy nipolatitre ty tomboko.[38]Nagnia reo fahavaloko
raho ka namoteke iereo. Tsy nihere raho mandram-pirava iereo. [39]Nandrava iereo vaho namote-poteke iereo
raho; ka tsy afake nitsanga iereo. Lavo tao ambane tomboko iereo.[40]Nametrake here tao amiko hoe ty santira ho
amity aly Riha; nametrake reo ze nitsanga handietre ahy teo ambaneko Riha. [41]Nagnomea ahy ty hato ty
fahavaloko riha; nandrava reo ze nalay ahy raho.[42]Nipay vonje iereo, feie tsy nisy nagnavotre iereo; nikaike mafe
Yaveh iereo, feie tsy namale iereo Re. [43]Nagnisy iereo ho lasa kele hoe ty deboke amity tane raho, tinoro-toroko
hoe ty fotake egne amity lala iereo.[44]Lefa namonje ahy tamity fifandiera reo vahoakeko avao kea Riha. Le fa
nitananao ho loha reo firene raho. Ty vahoake ze tsy haiko le manompo ahy. [45]Sinere hihohoke tamiko reo vahiny.
Vatane vaho naharey ty miomba ahy iereo, le nagnenke ahy. [46]Reo vahiny le niakatre ampitahora tao amity fiaro
mafe iereo.[47]Velo Yaveh! Ho lazae anie ty vatolampiko. Hambone anie ty Zagnahare, ty vatolampy ty famonjea
ahy. [48]Zay ro Zagnahare ze mandefe valea ho ahy, ty raike ze mampiambane vahoake maro eo ambaneko.
[49]Magnafake ahy amireo fahavaloko Re. Nagnakatre ahy ho ambone reo ze nitsanga handietre ahy vatane Re.
Mamonje ahy amireo lahilahy mahere asa Riha.[50]Laha zao le hanolotre fisaora ho anao, eo amireo firene raho, ry
Yaveh; hiantsa antsa ho ahy ty agnaranao raho. [51]Zagnahare magnomea fahareseam-bey ho ahy ty mpanjakane,
naho manoro ty tsy fivaliham-pagnenkeane amity voahosone Re, ho ahy Davida vaho ho ahy ty fokone zisikezay."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 23

[1]Toa are ty safa Davida farane__Davida anadahy Jese, ty lahilahy vatane namean-kasy, ty lahilahy ze voahoso ty
Zagnahare Jakoba, ty mpanao salamo tea ty Israely. [2]" Ty fagnahy Yaveh nirehake tamity alalako, naho teo amity
lelako ty rehane.[3]Nirehake ty Zagnahare Israely, nirehake tamiko ty Vatolampy Israely hoe:' Ty mandily ty ndaty
amity fahitia, ty mpandily amity tahotre an'Agnahare. [4]Re le hanahake ty hazava ty maray laha fa vaky ty andro,
maray tsy misy raho, laha fa mitiry bakamity tane ty akata-maintso amity alala ty famirapira ty masoandro afara
ty ora.[5]Eka mare, tsy hoe zay eo agnoloan'Agnahare vao ty fokoko? Tsy le fa nanao fagnenkea zisikezay,
voalahatre vaho azo antoke amity fomba iaby tamiko vao Re? Feie tsy manombo ty famonjea ahy vaho mandefe
ty fagniriako iaby vao Re?[6]Kanefa ty tsy mete le hanahake ty fatike aria iaby, satria tsy voavory ty tagna ty ndaty
reigne. [7]Ty ndaty ze mikasa iereo le tsy maintsy mampiasa zaka vita amity vy na folesen-defo. Tsy maintsy oroa
eo amize itobohane reigne."'[8]Toa iaby ty agnara reo miaramila sanga Davida: Josebala ty Takemonita ro mpitarike
reo miaramila sangane. Namono lahilahy valonjato tao agnate ty aly raike re.[9]Magnorikorike aze ty Eleazara,
anadahy Dodo, anadahy Ahohita, raike amireo lahilahy telo mahere Davida. Teo re tamity naharesea iereo ty
Filistina ze nivory niarake mba hialy, vaho tamity nihemora ty lahilahy Israely. [10]Nitsanga ty Eleazara naho nialy
tamity Filistina mandram-pirokafa ty tagnane naho nipiteke teo amity taho ty mesone ty tagnane. Ninday
fandreseam-bey tamize andro zay ty Yaveh. Nihere nagnorike i Eleazara ty tafike, mba hitimpo ze amireo fate
avao .[11]Nagnorikorike aze ty Sama anadahy Age, ty Hararita. Niarake nivory teo amize nisy tanem-boagnemba ty
Filistina, naho ty tafike nilay iereo. [12]Fa Sama kea nitsanga teo agnivo ty baibo naho niaro zay. Vinonone ty
Filistina, naho ninday fahareseam-bey Yaveh.[13]Ty telo tamireo miaramila telopolo le nimbaeo amy Davida tamity
andro ty fararano, tao amity zohy Adolama. Nitobe teo amity Baibo Refaita ty tafike reo Filistina. [14]Tamize andro
zay ty Davida le tao amity fiarovane mafe, zohy raike, laha nitoboke tao Betlehema ty Filistina.[15]Nipay rano ty
Davida ka hoe re ty hoe:"Laha mba misy ndaty magnomea ahy rano ho nome bakamity lava-drano ao Betlehema,
ty lava-drano eo agnila ty vavahady zao!" [16]Ka le namakivaky ty tafike ty Filistina reo telo lahy mahere reo naho
nangalake rano bakao amity lava-drano Betlehema, ty lava-drano eo agnila ty vavahady. Nalae iereo ty rano naho
nientene tagne amy Davida, kanefa nilietse ty hino zay re. Fa nailine ho ahy Yaveh kea zay. [17]Bakeo le hoe re ty
hoe:" Ry Yaveh, Sagnatria, laha hanao zay raho. Tokone hino ty lio reo lahilahy ze nanao soro ty arofone vao
raho?" Ka le nilietse ty hino zay re. Reo zaka reo ro natao reo telo lahy mahere.[18]Abisay, rahalahy Joaba naho
anadahy Zeroia, ro kapitene ie telo. Nialy tamireo telo arivo lahy re naho namono iereo tamity lefo. Voatogno
mateteke niarake tamireo miaramila telo re. [19]Tsy nalaza noho reo telo lahy vao re? Natao kapitene iereo re.
Kanefa, ty lazane le tsy nitovy tamity laza reo miaramila telo lahy malaza vatane.[20]Benaia bakagne Kabezela le
anadahy Joiada; re le lahilahy mafe ze nanao asa foloay. Namono ty anake roe lahy i Ariela tagne Moaba re.
Nizotro tao agnate lavake avao kea re naho namono liona laha mboe nisy havandra igne. [21]Naho le namono
lahilahy Egyptiana maro re. Nana lefo tegne antagnane ty Egyptiana, kanefa tamity tehe avao ro nialia Benaia
tamine. Nalaene tegne amity tagna ty Egyptiana ty lefo naho tamity lefone avao ro namonoane aze.[22]Benaia
anadahy Joiada ro nanao ze asa foloay zay, naho nandaza niarake tamireo telo lahy mahere re. [23]Nalaza noho reo
miaramila telopolo re amity mare, kanefa tsy le tena nalaza manahake reo miaramila telo sangane vatane. Nefa
Davida nanao aze ho mpiambe aze.[24]Agnate reo telopolo ty lahilahy magnarake toa: Asahela rahalahy Joaba,
Elanana anadahy Dodo bakagne Betlehema, [25]Sama ty Harodita, Elika ty Harodita, [26]Hezela ty Paltita, Ira anadahy
Ikesy ty Tekoita, [27]Abiezera ty Anatotita, Mebonay ty Hosatita, [28]Zalmona ty Ahohita, Maharay ty Netofatita;
[29]Haleba anadahy Bana, ty Netofatita, Itahy anadahy Ribay bakagne Gibea ty foko Benjamina, [30]Benaia ty
Piratonita, Hiday bakamity baibo ty Gasy. [31]Abi-albona ty Arbatita, Azmaveta ty Psaromita, [32]Eliaba ty Salbonita,
anadahy Jasena, Jonatana anadahy Sama ty Hararita;[33]Ahiama anadahy Sarara ty Hararita, [34]Elifeleta anadahy
Ahasbay ty Makatita, Eliama anadahy Ahitofela ty Gilonita, [35]Hezray ty Karmelita, Paray ty Arbita, [36]Jigala
anadahy Natana bakagne Zoba, Bany bakamity foko Gata,[37]Zaleka ty Amonita, Naharay ty Berotita, mpinday ty
zaka-fialia ho ahy Joaba anadahy Zeroia, [38]Ira ty Jitrita, Gareba ty Jitrita, [39]Oria ty Hetita__fito amby telopolo ie
iaby.

Chapter 24

[1]Le nirehetre tamy Israely ndraike ty helo Yaveh, ka nataone nandietre iereo ty Davida nanao ty hoe:" Mindehana, isaho reo Israely vaho Joda." [2]Nirehake tamy Joaba mpifehe ty tafike, ze niarake tamine ty mpanjaka ty hoe:" Mindehana magnera ty foko Israely iaby, manomboke agne Dana ka zisikagne Beri-sheba, naho isaho ty ndaty iaby, mba hahaiako ty fiharoa ty isa reo lahilahy sahaza ho amity aly."[3]Hoe ty Joaba tamity mpanjaka hoe:" Afake manombo ty isa ty vahoake injato vao Yaveh Zagnaharenao, naho afake manente ty atao zay vao ty maso ty mpanjaka tompoko. Nefa nagnino ro magniry zay ty mpanjaka tompoko?" [4]Na le zay aza, ty reha ty mpanjaka le nandietre Joaba vaho nandietre reo mpifehe ty tafike ty farane. Ka niakatre teo amity fiatrehane ty mpanjaka ty Joaba vaho reo mpifehe mba hagnisake ty vahoake Israely.[5]Nitsake i Jordana naho nitobe tao agnila Aroera, antimo ty tana agne ambaibo iereo. Le nimbaeo zisikagne Gada ka hatragne Jazera iereo. [6]Niavy tagne Gileada vaho tagne amity tane Tatima-hodsy iereo, bakeo le tagne Danajana naho nagnodidy zisikagne Sidona. [7]Niavy tagne amity fiaro mafe Tyro vaho ty tana ty Hivita vaho ty Kananita iaby iereo. Bakeo le nindeha nimbaeo Negeva agne Joda ao Beri-sheba iereo.[8]Ka laha fa baka nitete tane iaby iereo, le nihere tagne Jerosalema iereo tamity fara ty sive vola vaho roapolo andro. [9]Le nitao ty fiharoa ty isa reo lahilahy mpialy tagne amity mpanjaka ty Joaba. Nisy lahilahy bey herem-po 800.000 ze nagnafake meso tao amy Israely, naho reo lahilahy Joda le lahilahy 500.000.[10]Le nampijale aze ty arofo Davida laha fa baka nagnisake reo lahilahy re. Ka nirehake tamy Yaveh re ty hoe:" Nanonta vatane tamity hanoa zay raho. Amizao, ry Yaveh, afaho ty helo ty mpanomponao, fa le fa nanao hagegea vatane raho."[11]Laha fa nifoha Davida ty maray, le niavy tamy Gada mpaminane, mpahisake Davida ty safa Yaveh, nanao ty hoe: [12]"Ndeha ambarao amy Davida ty hoe:' Zao ro safa Yaveh:" Magnomea safidy telo anao Raho. Ka mifilia raike amireo."""[13]Le nimbaeo amy Davida ty Gada ka nanao tamine hoe:" Mosare telo tao vao ro ho avy aminao ao amity tanenao? Sa hilay telo vola reo fahavalonao vao riha laha magnia anao iereo? Sa hisy arete-mandany telo andro ao amity tanenao? Amizao manampaha hevetre ty amize valene tokone havaleko Aze ty nagnirake ahy." [14]Le hoe Davida tamy Gada ty hoe:" Ao agnate koronta vatane raho. Ao tika ho lavo eo antagna Yaveh hoe zay eo antagna ty ndaty, satria vatane foloay ty fandeferane."[15]Ka nandefa ty arete-mandany teo amy Israely nanomboke ty maray ka zisikamity andro voatondro Yaveh, naho ndaty fito ale ro mate nanomboke tao Dana ka zisikagne Beri-sheba. [16]Laha fa namototre ty tagnane nimbaeo Jerosalema mba hamoteke zay ty anjele, le niova hevetre noho ty raty ze hakare zay Yaveh, ka nirehake tamity anjele ze namoteke ty ndaty Re hoe:" Ampe zay! Ahemoro ty tagnanao amizao." Tamio andro o ty anjele Yaveh le nitsanga teo ampamoloa Araona Jebosita.[17]Le nirehake tamy Yaveh ty Davida laha fa nahisake ty anjele ze nagnisy ty vahoake, naho nanao ty hoe:" Le fa nanonta raho, naho raty etam-bata. Nefa reo agnondry reo, ino ro nataone?" Ao rie mba zaho vaho ty fokon-draeko ro ho sazie ty tagnanao!"[18]Bakeo le niavy teo amy Davida tamio andro o ty Gada naho nirehake tamine ty hoe:" Mindeha naho magnamboara alitara ho ahy Yaveh eo ampamoloa Araona ty Jebosita." [19]Le nindeha arake ze nandilia Gada aze hatao Davida, arake ze nandilia Yaveh. [20]Nanente tagne ambaly Araona naho nahisake ty mpanjaka vaho reo mpanompone namonje. Le niakatre ty Araona naho nagnohoke ty tarehene teo amity tane teo amity mpanjaka.[21]Le hoe ty Araona hoe:" Nagnino ro avy amiko eto, mpanompone, ty mpanjaka tompoko?" Namale ty Davida hoe:" Hivily ty famoloa, mba hahafahako magnamboatre alitara ho ahy Yaveh, mba hiala ty arete-mandany eo amity vahoake." [22]Hoe ty Araona tamy Davida ty hoe:" Anovo hoe ty anao zay, ry mpanjaka tompoko. Anovo amizay ze soa eo amasonao. Ingo, toa misy agnombe atao fagnatetre oroa vaho famofoham-bare naho jokan'agnombe atao hetae. [23]Reo iaby reo, ry mpanjakako, zaho, Araona, le hagnomea anao zay." Le hoe re tamity mpanjaka ty hoe:" Hagnenke anao anie Yaveh Zagnaharenao."[24]Hoe ty mpanjaka tamy Araona ty hoe:" Aha, hovilieko amity viline zay. Tsy hanolotre fagnatetre oroa ho ahy Yaveh amity zaka ze tsy nasaeko raho." Ka vinily Davida sekele volafoty dimampolo ty famoloa vaho reo agnombe. [25]Nagnamboatre alitara ho ahy Yaveh tao ty Davida naho nanolotre fagnatetre oroa vaho fagnate-pilonoga teo amizay. Le nangatake tamy Yaveh ho ahy ty tane iereo, ka nampijano ty arete- mandany nagnera ty Israely Re.

# 1 Kings

Chapter 1

[1]Laha fa tena antetre ty Davida Mpanjaka, le rinako iereo tamity bodofotsy re, Kanefa tsy nimete nafana. [2]Ka heo reo mpanompone tamine:" Ao hisy hipay ajampela verijine ho ahy ty mpanjaka tompontika. Ao re hanompo ty mpanjaka vaho hikarakara aze. Ao re hiroro eo antsandrine mba hagnafana ty mpanjaka tompontika."[3]Le nipay ajampela soa tarehe era ty fari-tane Israely iereo. Nahisake i Abisaga Sonemita iereo ka ninday aze tagne amity

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

mpanjaka. [4]Tena soa tarehe vatane ty ajampela. Nanompo ty mpanjaka vaho nikarakara aze re, nefa tsy niraike
ara-nofo tamine ty mpanjaka.[5]Tamize andro zay, ty Adonia anadahy Hagita le nagnakatre ty vatane, nanao ty
hoe:" Izaho ro ho mpanjaka." Ka nagnoma kelese vaho mpitiki-tsovale niarake tamine dimampolo lahy mba
hindeha hialoha lala aze re. [6]Ty raene le tsy mboe nagnorontan-tsay aze, nanao hoe:" Nagnino riha ro nanao zao
na zao?" I Adonia le lahilahy tena soa tarehe, terake nagnorikorike i Absaloma.[7]Nifampirehake tamy Joaba
anagn'i Zeroia vaho tamy Abiatara mpisoro re. Nagnorike i Adonia iereo ka nagnampe aze. [8]Fa Zadoka mpisoro,
vaho Benaia anagn'i Joiada, vaho Natana mpaminane, Simey, Rey, naho ty lahilahy mahere ze ahy Davida kea le
tsy mba nagnorike i Adonia.[9]Naho Adonia nanao soro agnondry aman'ose, agnombe naho anak'agnombe mifehe
teo agnila ty vato i Zohetela, ty eo agnila En-rogela. Hinafane iaby ty rahalahine iaby, reo anadahy ty mpanjaka,
naho ty lahilahy Joda iaby, vaho reo mpanompo ty mpanjaka. [10]Feie tsy nagnafatre i Natana mpaminane, vaho
Benaia naho reo lahilahy mahere, na i Solomona rahalahine re.[11]Naho Natana nirehake tamy Batsela rene i
Solomona, nanao ty hoe:" Mboe tsy reinao vao fa lasa mpanjaka i Adonia anadahy Hagita, naho tsy mahay zay ty
Davida tompontika? [12]Laha zao le engao raho hanoro hevetre anao zao, mba hamonjeanao ty fiainao vaho ty fiay
Solomona anadahinao.[13]Mindehana mbaeo amy Davida mpanjaka; ambarao amine hoe:' Ry mpanjaka tompoko,
feie vao riha tsy nifanta tamity mpanomponao, nanao ty hoe:" Azo antoke fa i Solomona ananao lahy ro hanjaka
hisolo ahy, naho hitoboke eo amity sezan-droandriako re?" Ka nagnino ro Adonia ro manjaka?' [14]Laha mboe
mirehake amity mpanjaka egne riha, le ho avy ao afaranao raho naho hagnamafe reo rehanao."[15]Ka nimbaeo
amity efetragno ty mpanjaka ty Batseba. Le vatane fa antetre ty mpanjaka, naho Abisaga Sonemita ro nanompo
ty mpanjaka. [16]Nagnondreke ty vatane vaho nandohaleke teo agnoloa ty mpanjaka ty Batseba. Le hoe ty
mpanjaka hoe:" Ino ro irienao?" [17]Le hoe re tamine:" Ry Tompoko, riha nifanta tamity mpanomponao tamity alala
Yaveh Zagnaharenao, nanao ty hoe:' Azo antoke vatane fa i Solomona anadahinao ro hanjaka hisolo ahy, naho
hitoboke eto amity sezan-droandriako re.'[18]Amizao, ingo, Adonia ro mpanjaka, naho riha, ry mpanjaka tompoko,
le tsy mahay zay. [19]Nanao soro agnombe, anak'agnombe mifehe, vaho agnondry aman'ose maro le maro re, naho
nagnafatre reo anadahy ty mpanjaka iaby, Abiatara mpisoro, naho Joaba kapitene ty tafike, kanefa tsy nagnafatre
i Solomona mpanomponao re.[20]Fa laha ty aminao, ry mpanjaka tompoko, ty maso ty Israely iaby le eo aminao,
mandy anao mba hitalily amiereo hoe ia ro hitoboke eo amity sezan-droandria hisolo anao, ry tompoko. [21]Fa laha
tsy zay, le hihere hanahake ty mpanao meloke raho vaho Solomona anako, laha fa homate miarake amireo
razane ty mpanjaka tompoko."[22]Naho laha mboe nirehake tamity mpanjaka re, le nilitse ty Natana mpaminane.
[23]Reo mpanompo nirehake tamity mpanjaka hoe:" Io ty Natana mpaminane." Laha fa nindeha teo agnoloa ty
mpanjaka re, le nagnohoke ty vatane teo agnoloa ty mpanjaka ro vaho nihohoke tamity tane ty tarehene.[24]Hoe ty
Natana:" Ry mpanjaka tompoko, nirehake vao riha ty hoe:' I a donia ro hanjaka hisolo ahy, naho hitoboke eo
amity sezan-droandriako re?' [25]Satria nindeha nizotro re androany naho nanao soro agnombe, vaho
anak'agnombe mifehe, naho agnondry aman'ose maro le maro, vaho nagnafatre ty ana ty mpanjaka iaby, reo
kapitene ty tafike, naho Abiatara mpisoro. Mihinana vaho minoma eo agnoloa iereo, ka manao ty hoe:" Ho ela
valo anie ty Adonia mpanjaka!"[26]Fa izaho, mpanomponao, vaho Zadoka mpisoro, Benaia anadahy Joiada, naho
Solomona mpanomponao, le tsy hinafane zahay. [27]Le nanao zay ka tsy nirehake taminay, mpanomponao, ze
tokone hitoboke eo amity sezan-droandria hisolo aze vaon ty mpanjaka tompoko?"[28]Le namale Davida mpanjaka
ka nanao hoe:" Kaiho himpoly eto amiko ty Batseba." Le nilitse teo agnoloa ty mpanjaka re naho nitsanga teo
agnoloa ty mpanjaka. [29]Nanao vava ty mpanjaka ka nanao ty hoe:" Laha mboe velo kea ty Yaveh, ze nagnafake
ahy tamity ndaty iaby, [30]manahake ty nagnanaovako vava taminao tamity alala Yaveh, ty Zagnahare Israely,
manao hoe:" Hanjaka hisolo ahy ty Solomona ananao, naho hitoboke eo amity sezan-drioandriako eo amity
toerako re,' le hataoko zay androany." [31]Le nagnondreke ty tarehene tamity tane ty Batseba, naho nagnohoke ty
vatane teo agnoloa ty mpanjaka nanao hoe:" Ho velo zisikagne anie Davida mpanjaka tompoko!"[32]Hoe ty Davida
mpanjaka hoe:" Kaiho hoamiko atoy Zadoka mpisoro, vaho Natana mpaminane, naho Benaia ana i Joiada." Ka
nimbaeo agnoloa ty mpanjaka iereo. [33]Le hoe ty mpanjaka tamiereo hoe:" Ento miarake aminareo ty mpanompo
ty tomponareo, naho ampitikiro ty apondraho ty Solomona anadahiko ka ento mizotro agne Gihona re. [34]Ao ty
Zadoka mpisoro vaho Natana mpaminane hagnosotre aze ho mpanjaka eo amity Israely naho hitioke ty
trompetra ka hanao hoe:" Ho ela velo anie Solomona Mpanjaka!"[35]Le hiakatre hagnorike aze nareo, ka hilitse
vaho hitoboke eo amity sezan-droandriako re; satria ho mpanjaka eo amity toerako re. Izaho le fa nanendre aze
ho mpinday eo amity Israely vaho Joda." [36]Le namale ty mpanjaka ty Benaia ana Joiada, ka nanao hoe:" Ho lefe
anie zay! Ho mafese Yaveh, Zagnahare ty mpanjaka tompoko, anie zay. [37]Manahake ty niomba Yaveh mpanjaka
tompoko anie, ro hiombane i Solomona kea, naho hataone bey naho ty sesan-droandria Davida mpanjaka
tompoko ty sezan-droandriane."[38]Ka lasa nizotro niarake tamy Solomona nitikitse ty apondra Davida mpanjaka ty
Zadoka mpisoro, Natana mpaminane, Benaia ana i Joiada, vaho reo Keretita, naho reo Peletita, niente iereo
nizotro tagne Gihona re. [39]Nangalake ty trifa misy menake bakao amity tragno Zadoka mpisoro naho nagnosotre i


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Solomona. Le nitiofe iereo ty trompetra, naho hoe ty ndaty iaby hoe:" Ho ela velo anie Solomona mpanjaka!"
[40]Bakeo le niakatre nagnorike aze ty vahoake iaby, naho nitioke sody ty vahoake naho nifalefale tamity hafaleam-
bey, ka nihozo noho ty feo iereo ty tane.[41]Naho i Adonia vaho reo vahiny iaby ze niarake tamine naharey zay laha
fa baka nihina iereo. Laha fa naharey ty feo ty trompetra ty Joaba, le hoe re ty hoe:" Magnino ro misy korake eto
amity tana?" [42]Laha mboe nirehake re, le niavy ty Jonatana ana i Abiatara mpisoro. Hoe ty Adonia hoe:"
Mandroso, fa lahilahy mete riha naho minday vaovao mahafale."[43]Le namale Jonatana ka nirehake tamy Adonia
hoe:" Davida mpanjaka tompontika le fa nanao i Solomona ho mpanjaka, [44]naho ty mpanjaka le fa nagnirake i
Zadoka mpisoro, Natana mpaminane, vaho Benaia ana i Joiada, naho reo Keretita vaho reo Peletita. Le fa
nampitikire iereo ty ampondra ty mpanjaka ty Solomona. [45]Zadoka mpisoro vaho Natana mpaminane le fa
nagnosotre aze ho mpanjaka tagne Gihona, naho niakatre tamin-kafalea bakagne, kay ka agnate korake ty tana.
Izao ro korake reinao.[46]Naho mitoboke eo amity sezan-droandria ty fanjaka avao kea Solomona. [47]Fagnampe zay,
le niavy nitso-drano i Davida mpanjaka tompontika ty mpanompo ty mpanjaka, nanao hoe:"
Hataon'Agnaharenao soa naho ty agnaranao anie ty agnara Solomona, naho hataone bey naho ty sezan-
droandrianao anie ty sezan-droandriane.' Le nihohoke teo am-pandreane ty mpanjaka. [48]Le hoe kea ty mpanjaka
hoe:" Derae anie Yaveh, ty Zagnahare Israely, ze nagnomea ndaty raike hitoboke eo amity sezan-droandriako
amizao andro zao, ka afake mahisake zay ty masoko."'[49]Le natahotre reo vahiny i Adonia iaby. Le nitsanga iereo
ka sambe nindeha tamity lalane aby. [50]Naho i Adonia le natahotre i Solomona ka nitsanga, nindeha, naho nita ty
trifa ty alitara. [51]Bakeo le nambara tamy Solomona zay, nanao hoe:" Ingo, namehe i Solomona mpanjaka ty
Adonia, satria nita reo trifa ty alitara re, nanao hoe,' Ao ty Solomona mpanjaka hifanta amiko mialoha fa tsy
hamono ty mpanompone amity meso re."'[52]Le hoe ty Solomona:" Laha hanoro ty vatane ho lahilahy mete re, na le
singam-bolone raike aze tsy ho poke amity tane, fa lahan haratia kea ro hisake ao amine, le ho mate re." [53]Ka le
nagnirake ndaty Solomona mpanjaka, ze ninday i Adonia nizotro bakeo amity alitara. Le avy re ka nandohaleke
teo amy Solomona Mpanjaka, naho hoe Solomona tamine:" Mindehana agne antragno."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Laha fa marine ty nadro nifateza Davida, le nandily i Solomona anane re, nanao hoe: [2]"Hindeha amity lala ty
tane iaby raho. Mimafea, laha zao, naho aseho fa lahilahy ty vatanao. [3]Tano reo lily Yaveh Zagnaharenao ze
mindeha amity lalane, enkeno reo lalane, reo fanam-pahan-kevene, naho reo lilim-pagnenkene, miambena amize
voasoratre ao amity lily Mosesy, mba hambine amy aby ze ataonao riha, na aia aia ombanao, [4]mba hahafaha
Yaveh magnatanterake ty rehane ze nirehafene ze nirehafene mikasike ahy, manao hoe:' Laha megnente soa ty
findaisam-batane reo ananao lahy, naho hindeha eo alohako ampitokisa miarake amity arofo vaho fagnahy iereo
iaby, le tsy hijano ty hana lahilahy eo amity sezan-droandria Israely riha.'[5]Riha avao kea le mahay ze natao Joaba
ana i Zeroia tamiko, naho ze nataone tamity mpifehe roe ty tafike Israely, le tamy Abnera anadahy Nera, naho
tamy Amasa anadahy Jetera, ze vinonone. Zinarane tam-piadagna ty lion'aly naho napetane teo amity santira
nagnodidy ty valahane vaho tamity kapa teo antombone ty lion'aly. [6]Mifagnaraha amy Joaba amity alala ty
fahendrea le fa nianaranao, feie ko enga hizotro agne amity kibory ampiadagna ty volo-fotine.[7]Na le zay aza,
manoroa hasoam-pagnahy amireo anadahy Barzilay Giledita, naho engao ho agnate reo ze hihina eo andatabako
iereo, fa niavy tamiko atoy iereo laha fa nilay bakagne amy Absaloma rahalahinao raho.[8]Ingo, le fa miarake
aminao ty Simey anadahy Gera, ty Benjamita bakagne Bahorima, ty nagnozo ahy tamity ozo mahere vatane
tamity andro nindehanako tagne Mahanaima. Le nizotro hifanoje tamiko tagne Jordana ty Simey, naho nifanta
tamine tamity alala Yaveh raho, nanao hoe:' Tsy hamono anao amity meso raho'. [9]Ka amizao ko enga ho afake
amity saze re. Lahilahy hendre riha, naho ho hainao ze tokone hatao amine. Ho entenao mizotro agne amity
kibory miarake amity lio ty volo fotine."[10]Bakeo Davida le nimate niarake tamireo razambeine naho naleve tao
amity tana Davida. [11]Efapolo tao teo reo andro nanjaka Davida teo amireo Israely. [12]Nanjaka zisike ty fito tao tagne
Hebrona re naho tagne Jerosalema zisike ty telopolo tao. Naho nitoboke teo antsezan-droandria i Davida raene ty
Solomona, naho tafipetrake soa ty fitondrane.[13]Le niavy tagne amy Batseba rene Solomona ty Adonia anadahy
Hagita. Hoe re ty hoe:" Avy mba hilongo vao riha?" Namale re hoe:" Hilongo." [14]Le hoe re ty hoe:" Misy zaka
hataliliko anao." Ka namale re hoe:" Ambarao." [15]Hoe Adonia hoe:" Hainao fa ahy ty fanjaka, naho ty Isarely iaby
le fa nagnantena ahy ho mpanjaka. Feie niova ty zaka iaby, naho natoloko ho ahy ty rahalahiko ty fanjaka, fa le fa
aze bakamy Yaveh zay.[16]Amizao le mana hatake raike aminao raho, naho ko liere raho." Hoe Batseba tamine hoe:"
Ambarao" [17]Le hoe re:" Rehafo rie Solomona mpanjaka, fa tsy hiala anao re, mba hahafahane magnomea ahy i
Abisaga Sonemita mba ho valiko." [18]Hoe ty Batseba:" Egne are, hirehake amity mpanjaka raho."[19]Laha zao le
nindeha tagne amy Solomona mpanjaka Batseba mba hirehake amine ho ahy Adonia. Le nitsanga ty mpanjaka
hifanoje tamine naho niondreke teo amity sezan-droandriane re naho nana sezan-droandria niente ho ahy ty
rene ty mpanjaka. Le nitoboke teo ankavanane re. [20]Naho hoe re ty hoe:" Mba te-hanao fangataha kele aminao
raho, satria tsy handa ahy riha." Le namale aze ty mpanjaka hoe:" Angataho, ry reneko, fa tsy handa anao raho."
[21]Le hoe re:" Aleo i Abisaga Sonemita mba hatolotre i Adonia rahalahinao ho valine."[22]Namale Solomona
mpanjaka naho nirehake tamity renene hoe:" Nagnino riha ro mangatake i Abisaga Sonemita ho ahy Adonia?
Nagnino riha ro tsy nangatake ty fanjaka ho aze avao kea, satria re ro lahy voalohane__ho aze, ho ahy abiatara
mpisoro, naho ho ahy Joaba anadahy Zeroia vao?" [23]Bakeo le nifanta tamy Yaveh ty Solomona mpanjaka, hanao
zay amiko, naho beibey kea, laha tsy nandietse ty fiaine tamize rehake zay ty Adonia.[24]Ka laha zao laha mboe velo
kea Yaveh, ze nametrake ahy vaho nanao ahy teo amity sezan-droandria Davida raeko, naho le namboatre tragno
ho ahy arake ty nampagnategnane tamiko, le azo antoke fa hovonoe ty Adonia amizao." [25]Ka le nagnirake i Benaia
ana i Joiada ty Solomona mpanjaka, naho nahisake i Adonia ty Benaia ka namono aze.[26]Bakeo le hoe Abiatara
mpisoro tamity mpanjaka hoe:" Mindehana agne Anatota, agne amireo baibonao. Fa soa amity ho mate riha, feie
tsy hagnenga anao ho mate zamizao andro zao raho, satria ninday ty tomabile Yaveh Tompo teo agnoloa Davida
raeko riha naho nijale tamity fomba iaby nijalea ty raeko." [27]Ka rinoa i Solomonatsy ho mpisoro Yaveh Abiatara,
ka mete handefe reo safa Yaveh re, arake ze le fa nirehafene momba ty foko Ely tao Silo.[28]Niavy tagne amy Joaba
reo vaovao, fa Joaba niaroi Adonia, fa tsy nanoha i Absaloma. Ka nilay tagne amity tragno lay Yaveh ty Joaba
naho nita ty trifa ty alitara. [29]Nirehafe tamy Solomona Mpanjaka fa i Joaba le nilay tagne amity tragno lay Yaveh
naho eo agnila ty alitara amizao. Bakeo le nagnirake Benaia ana i Jehodia ty Solomona, nanao hoe:" Mindehana,
vono re."[30]Naho niavy tagne amity tragno lay Yaveh ty Benaia naho nanao tamine hoe:" Hoe ty mpanjaka hoe:'
Miakara." Namale Joaba hoe:" Aha, ho mate eto raho." Ka le nihere tagne amity mpanjaka i Benaia, nanao hoe:"
Nirehake Joaba fa te-ho mate ao amity alitara zao re." [31]Le hoe ty mpanjaka tamine:" Anovo arake ze nirehafene.
Vono re naho alevegno mba hialanao amiko vaho amity foko ty raeko ty lio ze nalatsa Joaba tamity tsy misy
antone.[32]Enga anie Yaveh hagnere ty lio ho eo andohane, satria nanafike lahilahy roe feno mare vaho soa noho ty
vatane re naho namono iereo tamity meso, le i Abnera anadahy Nera, filoha ty tafike Israely, vaho Amasa


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

anadahy Jetera, filoha ty tafike Joda, naho tsy nahay zay ty Davida raeko. [33]Ka enga anie ty lio iereo hihere egne
andoha Joaba vaho egne andoha reo fokone zisikezay. Fa amy Davida vaho reo fokone, amity fokone, naho amity
sezan-droandria, le enga anie hisy fiadagna zisikezay bakamy Yaveh."[34]Bakeo ty Benaia ana i Jehodia niakatre
naho nanafike i Joaba ka namono aze. Le naleve tagne amity tragnone tagne agnefetre avao re. [35]Ty mpanjaka le
nametrake i Benaia ana i Joiada teo amity tafike hisolo ty toerane, naho nametrake i Zadoka mpisoro tagne amity
toera i Abiatara.[36]Bakeo ty mpanjaka le nagnirake naho nampikaike i Simey, naho nirehake tamine hoe:"
Magnoregna tragno raike agne Jerosalema riha naho mitoboha agne, ka ko miakatre ao amizay mbaeo amity
toeran-kafa. [37]Fa amity andro ze hiakaranao, vaho handriognanao egne amity baibon-driake Kidrona, le haizo
mare fa ho vonoe vatane riha. Ho eo amity lohanao ty rano." [38]Ka hoe ty Simey tamity mpanjaka hoe:" Soa ze
rehanao zay. Arake ze nirehafe ty mpanjaka tompoko, le hataonao mpanomponao." Le nitoboke tagne Jerosalema
zisike ty andro maronaro ty Simey.[39]Fa laha tampetre ty telo tao, le nilay tagne amy Akisa ana i Maka mpanjaka
Gata reo mpanompo roe i Simey. Ka nirehake tamy Simey iereo, nanao hoe:" Ingo, reo mpanomponao le agne
Gata." [40]Le nitsanga ty Simey, naho nagnisy lasele ty borikene ka nindeha tagne amy Akisa tagne Gata mba hipay
reo mpanompone. Le nindeha re naho nientene nihere bakagne Gata reo mpanompone.[41]Laha fa nirehake
Solomona fa i Simey le nindeha bakagne Jerosalema ho agne Gata naho le nihere, [42]le nagnirake vaho nampikaike
Simey ty mpanjaka, naho nanao tamine ty hoe:" Tsy le fa nampifanta anao tamy Yaveh vao raho naho nijoro
vavolombelo taminao, nanao hoe:' Haizo vatane ze andro hiakaranao vaho hindenanao agne amity toeran-kafa,
fa ho mate vatane riha'? Bakeo le hoe riha tamiko hoe:' Soa ze rahanao zao.'[43]Nagnino naho riha ro tsy mita ty
fifanta nao tamy Yaveh vaho ty baiko ze nameako anao?" [44]Hoe kea ty mpanjaka tamy Simey:"Haizo ao amponao
reo haratiam-pagnahy iaby ze nataonao tamy Davida raeko. Laha zao le hahere Yaveh eo ambone lohanao ty
haratiam-pagnahinao.[45]Fa ho tahie ty Solomona mpanjaka naho ty sezan-droandria Davida le hatoboke eo
agnoloa Yaveh zisikezay." [46]Bakeo ty mpanjaka nagnomea baiko tamy Benaia anadahy Joiada. Le niakatre re naho
namono i Simey. Ka le natoboke soa teo antagna Solomona ty fitondra.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Nanao dina tamy Farao mpanjaka ty Egypta tamity alala ty fanambalia ty Solomona. Nangalake ty anak'ampela
Farao re naho ninday aze tao amity tana Davida zisike ty hivita nagnore ty tragnone arere, ty tragno Yaveh, naho
ty manda magnodidy i Jerosalema. [2]Tegne amireo toera abo ro nagnanova reo ndaty soro, satria mboe tsy nisy
tragno niore ho ahy ty agnara Yaveh. [3]Nanoro ty hateane Yaveh ty Solomona tamity fandehana arake ty lily
Davida raene, laha tsy ze nagnanovane soro vaho nagnoro liten-ketae magnitse tegne amireo toera abo re.
[4]Nimbaeo Gibeona ty mpanjaka mba hanao soro tegne, satria toera abo bey zay. Nanolotre fagnatetre oroa arivo
teo ambone zay alitara zay ty Solomona. [5]Tao Gibeona le niseho tamity nofy tamy Solomona Yaveh laha ty hale;
hoe re hoe:" Angataho! Ino ro tokone homeako anao?"[6]Ka hoe ty Solomona hoe:" Riha le fa nanoro tsy fivaliham-
pagnenkea bey tamity mpanomponao, le i Davida raeko, Satria nindeha teo agnoloanao tamity famarea-
mpitokisa, tamity hamarea, naho tamity fahitim-po re. Nitananao ho aze ty tsy fivaliham-pagnenkea bey toy naho
nomeanao anadahy hitoboke eo amity sezan-droandriane re amizao.[7]Amizao ty Yaveh Zagnaharenao, le fa nanao
ty mpanomponao ho mpanjaka teo amity toera Davida raeko Riha, na le mboe kolo avao raho. Ka tsy haiko hoe
ino ro fomba hiakara na hilira. [8]Ty mpanomponao le eo agnivo reo nadty ze finilinao, vahoake bey, maro tsy hay
isafe na tsy voaisake. [9]Ka ameo ty mpanomponao ty hazavam-po hitsara ty ndatinao , mba hahafahako
magnavake ty soa vaho ty raty. Fa ia moa ro mahay mitsara ze vahoake marobey zao?"[10]Nahafale ty Tompo ze
fangataha Solomona zay. [11]Le hoe Zagnahare tamine hoe:" Satria le fa nangatake za zaka zay riha naho tsy
nangatake ho ahy ty vatanao mba ho lava andro hiveloma na harea na ty fiay reo fahavalonao, fa nangatake
fazavan-tsay ho ahy ty vatanao mba hamantara ty rarene. [12]Ingo, amizao hataoko iaby ze nangatahenao tamiko
laha nomeanao ahy ty fangatahanao. Ameko fo hendre vaho mahay riha, mba tsy hisy hanahake anao teo
alohanao, naho tsy hisy manahake anao hitsanga ao afaranao[13]Le fa nameako anao avao kea ze tsy
nangatahenao, le ty harea vaho ty vonenahetre, mba tsy hisy hanahake anao eo amireo mpanjaka amity
andronao iaby. [14]Laha hindeha arake ty lalako riha ka hiambe reo lalanako vaho reo liliko, manahake ty
nindehana ty raenao, le hagnalava ty andronao raho."[15]Le nifoha ty Solomona, naho ingo, nofy zay. Niavy tao
Jerosalema re naho nitsanga nagnoloa ty tomabile ty fagnenkea Tompo. Nanese fagnatetre oroa vaho fagnatem-
pilongoa re, naho nanao kibory ho ahy reo mpanompone iaby.[16]Le nisy ampela roe ze mpivaro-bata niavy teo
amity mpanjaka naho nitsanga teo agnoloane. [17]Hoe ty ampela raike ty hoe:"O, ry tompoko, izaho vaho ty ampela
toy le miharo tragno, naho nietrake kolo tao amity tragno niarahako tamine raho.[18]Naho tamity andro fahatelo
tafara ty niterahako le niterake kea ty ampela toy. Niraike zahay. Tsy nisy ndaty hafa niarake taminay tao
antragno, fa zahay ro avao. [19]Bakeo mate ty anadahy ty ampela toy naho niahale, satria voatindrine re. [20]Ka
nitsanga re ty haleke naho nangalake ty anadahiko bakeo agnilako, laha mboe niroro ty mpanomponao, naho
nametrake aze teo antratrane, vaho nametrake ty anadahine teo antratrako.[21]Laha fa nifoha hampinono ty anako
raho ty maray, le fa mate re. Fa laha fa nanente aze soa raho ty maray, le tsy anako, ze naterako re." [22]Fa ty ampela
raike nanao hoe:" Aha, ty raike velo ro anako, naho ty raike mate ro ananao." Ty ampela voalohane nanao hoe:"
Aha, ty mate ro ananao, naho ty raike velo ro anako." Zay ty fomba nirehafa iereo teo agnoloa ty mpanjaka."[23]Le
hoe ty mpanjaka hoe:" Ty raike taminareo manao hoe:'Ty velo toy ro anako, naho ty mate ro ananao,' naho ty
raike manao hoe:' Aha, ty mate ro ananao, naho ty raike velo ro anako."' [24]Hoe ty mpanjaka hoe:" Andaiso meso
raho." Ka niente iereo teo agnoloa ty mpanjaka ty meso. [25]Naho hoe ty mpanjaka hoe:" Zarao roe ty kolo velo,
naho ameo ty ampela toy ty antsasane naho ameo ty raike ty antsasane."[26]Naho ty ampela ze velon-janake
nirehake tamity mpanjaka, fa feno fiferenaigna ho ahy ty anane ty arofone, naho hoe re hoe:" O, ry tompoko,
ameo aze ty kolo velo, naho tsy midika zay hoe mamono aze." Fa hoe ty ampela raike:" tsy ho ahy na ho anao kea
re. Zarao re." [27]Bakeo namale ty mpanjaka ka nanao hoe:" Ameo ty ampela voalohane ty kolo velo, naho tsy
midika zay hoe namono aze. Fa re ro renene." [28]Laha fa rey Israely iaby ty fitsara ze natao ty mpanjaka, le
natahotre ty mpanjaka iereo, satria hisa iereo fa tao amine ty fahendrean'Agnahare ho entene mitsara.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 4

[1]Mpanjaka teo amy Israely iaby ty Solomona Mpanjaka. [2]Toa reo manam-pahefa: Azaria ana i Zadoka ro mpisoro.
[3]Elihorefa vaho Ahia ana i Sisa, ro mpitan-tsoratre. Josafata ana i Ahiloda ro mpitam-boke. [4]Benaia ana i Joiada ro
nita ty tafike. Zadoka vaho Abiatara ro mpisoro.[5]Azaria ana i Natana ro nifehe reo manam-pahefa. Zaboda ana i
Natana le mpisoro vaho nama ty mpanjaka. [6]Ahisara ro nifehe ty tokan-tragno. Adonirama ana i Abda teo amireo
ndaty zay ro nifehe reo mpanao asa seresere.[7]Nana manam-pahefa roe amby folo ty Solomona magnera Israely
iaby, ty niantoke ty sakafo ho ahy ty mpanjaka vaho ty fokone. Ty lahilahy kirai-kiraike aby le niantoke ty tahirin-
kane zisike ty volane raike ao agnate ty tao. [8]Toa aby ty agnarane: [9]Beni-hora, bakagne antane tazoa Efraima;
Beni-dakera tao Makaza, Salbima, Beti-semesy, vaho Elon-beti-hanana; [10]Beni-haseda, tao Arobota(Aze vaho Soko
vaho ty tane iaby tao Hefera);[11]Beni-Abinadaba, teo amity distrike Dora iaby( Tafata anak'ampela Solomona ro
valine); [12]Bana ana i Ahiloda, tao Tanaka vaho Megido, vaho Beti-sana iaby ty tagnila Zaretana ambane Jezirela,
bakeo Beti-sana ka zisikagne Abela-mehola lavitse ty tioke i Jokneama; [13]Beni-gabera tao Ramota-gileada (Aze ty
tana i Jaira ana i Manase, ty tao Gileada, naho ty faritre Argoba le aze, ty tagne Basana, tanam-bey enempolo misy
rindry vaho hilim-baravara varahy); [14]Ahinadaba ana i Ido, tao Mahanaima;[15]Ahimaza, tao Naftaly (vinaline avao
kea ty Basemata anak'ampela Solomona); [16]Bana ana i Hosay, tao Asera vaho Bealota; [17]Josafata ana i Paroa, tao
Isakara;[18]Simey ana i Ela, tao Benjamina; [19]naho Gabera ana i Ory, agne amity tane i Gileada, tana i Sihona
mpanjaka ty Amorita vaho Oga mpanjaka Basana, naho re raike ro manam-pahefa ty tao amity tane.[20]Joda vaho
Israely le maro manahake ty faseke amoron-driake. Nihina vaho nino iereo naho fale. [21]I Solomona le nandily ty
fanjaka iaby zisikeo amity Rano ka zisikagne antane Filistina vaho ty sisin-tane Egypta. Ninday fagnomean-kasy
vaho nanompo i Solomona iereo zisike ty androm-piaignane iaby. [22]Ty tahirin-tsakafo i Solomona agnate ty andro
raike le koba soa lisa telopolo kora vaho sakafo enempolo kora, [23]agnombe vondrake folo, agnombe tsy nihinam-
bilo roapolo, naho agnondry zato, hafa ty serfa, gazela, kapreola, naho voro vinondrake.[24]Satria nanam-pahefa
tamity faritse iaby magnila ty rano igne re, bakeo Tifsa ka zisikagne Gaza, mohoatre reo mpanjaka iaby ze
nagnila ty rano, le nana filamina tamity nagnodidy aze iaby re. [25]Niay am-pitonia ty Joda vaho Israely, ty ndaty
iaby le teo ambane ty vaolobone vaho ty aviavine, bakeo Dana zisikagne Beri-sheba, tamity andro i Solomona
iaby.[26]Nana tragnon-tsoavale efapolo ale re ho ahy ty kalesine, naho mpitiki-tsoavale roa arivo vaho ray ale. [27]Reo
manan-kasy reo le niantoke sakafo ho ahy Solomona mpanjaka vaho ahy reo iaby ze bakeo amity lataba
Solomona, ty ndaty iaby tamity volane abike. Ka tsy nenga iereo ho tsy ampe ty zaka iaby. [28]Ninday vare hordea
vaho mololo ho ahy reo soavale mpitarike kalese vaho soavale fitikira iereo, sambe minday ze leone abike ty
kirai-kiraike.[29]Nomean'Agnahare fahendrea vaho hazavan-tsay bey ty Solomona, naho velaran-tsay manahake ty
faseke egne amoron-driake. [30]Ty hamarea Solomona le nihoatre ty hamarea reo ndaty iaby tagne antignana vaho
ty hamarea Egypta. [31]Nanan-kamarea naho ty ndaty iaby re_naho i Etana Ezrahita, Hemana, Kalkola vaho Darda
ana i Mahola_naho ty lazane le niavy tagne amity firene magnodidy iaby.[32]Nirehake Ohabola telo arivo re naho
dime amby arivo ty hirane laha isahe. [33]Namaritre ty zaka-mitiry re, bakamity sedara tane Libanona ka zisike
amity hysopa ze magniry magnorike ty rindry. Nagnazava momba reo biby avao kea re, reo voro, reo zaka milaly,
naho ty hazan-driake. [34]Niavy iaby tamity firene iaby ty ndaty mba hidranjy ty hamarea i Solomona. Iereo le
bakamireo mpanjaka iaby ty tane ze le fa naharey ty hamareane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Hirama mpanjaka i Tyro le nandefa reo mpanompone hoagne amy Solomona satria reine fa voahoso iereo
handimbe andraene re; satria Hirama le la tea i Davida avao faela. [2]Nampinday rehake ho agne amy Hirama ty
Solomona, nanao ho:" [3]"Hainao fa i Davida raeko le tsy afake nagnamboatre tragno ho ahy ty agnara Yaveh
Zagnaharene naho reo aly ze nagnodidy aze, fa zisike ty androm-piaignane Yaveh le nametrake reo fahavalone
teo ambane toombone.[4]Fa amizao, Yaveh Zagnaharenao le fa nagnomea ahy fitofa amity zaka iaby. Tsy misy na
mpialy na loza. [5]Ka le mikasa ty hagnore Tempoly ho ahy ty agnara Yaveh Zagnaharenao raho, arake ze nirehafe
Yaveh tamy Davida raeko, nanao hoe:" Ty anadahinao, ze hatoboko eo amity sezan-droandrianao eo amity
toeranao, ro hananga ty Tempoly ho ahy ty agnarako.'[6]Naho amizao mandilia mba hanampaha iereo hetae
Sedera bakagne Libanona ho ahike. Hiarake amireo mpanomponao reo mpanompoko, naho izaho ro handoa ty
karama reo mpanomponao mba ho voakarama amity lalane riha ty amity zaka iaby ze nenkenao hatao. Satria
hainao fa tsy misy aminay eo mahay ty fomba fanampaha hetae manahake reo Sidoniana."[7]Laha naharey ty reha
Solomona ty Hirama, le nifalefale vatane re ka nanao hoe:" Hoderae anie Yaveh androany, ty nagnomea Davida
anadahy hendre ho eo amity vahoake bey toy." [8]Nampinday rehake ho ahy Solomona ty Hirama, nanao hoe:" Le
fa reiko ty talily ze nalefanao ho ahike. Hagnomea ty hetae Sedera vaho kypreso iaby ze paienao raho.[9]Ho ente
reo mpanompoko mizotro bakagne Libanona mbaeo amity riake reo hetae, naho ho feheko agnate vatan-ketae
reo ka hihafo amity riake mbaeo amity toera ze tondroenao handefasako aze. Agne ro hampandiliako iereo, naho
le halaenao reo. Hataonao ze irieko amity fagnomea sakafo ty fokoko."[10]Ka nomea i hirama i Solomona ty hetae
sedera vaho ty hetae keseke iaby ze niriene. [11]Nomea Solomona varembazaha roe ale kora ho sakafo ho ahy ty
fokone ty Hirama naho diloilo tsy mitampoke roapolo kora. Nomea Solomona ho ahy Hirama isan-tao zay.
[12]Nomea Yaveh hamarea ty Solomona, arake ze le fa nampagnantegnane aze. Nisy filongoa teo amy Solomona
vaho Hirama, ka nanao fagnenkea iereo roe tonta.[13]Nampikaike mpanao asa- an-tseresere tamity Israely iaby ty
Solomona Mpanjaka. Misake telo ale reo lahilahy mpanao asa an-tseresere. [14]Nalefane tagne Libanona iereo, ray
ale ro mifandimbe isam-bola. Volane raike iereo ro tagne Libanona naho roe vola tagne antragno. I adonirama ro
nandily teo amireo lahilahy ze nampagnenke ho amity asa an-tseresere.[15]Naho i solomona nana mpinday enta
fito le vaho mpamaky vato valo ale ty tagne ambohitse, [16]hafa reo 3.300 bey ty manam-pahefa i Solomona ty
nanampake ty asa naho ty nagnaramaso reo mpiasa.[17]Arake ty lily ty mpanjaka le nandrare vato bey soa kalitao
mba hatoboke amity fagnoregna ty Tempoly iereo. [18]Naho reo mpagnoren-tragno i Solomona vaho reo
mpagnoren-tragno Hirama naho reo Gebalita ro nanao ty fanampaha vaho ty fikarakara ty hetae vaho reo vato
hagnamboara ty tempoly.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

[1]Naho i Solomona nanomboke nagnamboatre ty tempoly Yaveh. Zao ro niseho tamity tao faha 480 tafara ty niala
ty ana Israely tamity tane Egypta, tamity tao faha efatre ro nanjaka teo amity Israely ty Solomona, tamity vola
Ziva, ty vola faharoe. [2]Ty tempoly ze namboare Solomona Mpanjaka ho ahy Yaveh le enempolo metatre ty
halavane, roapolo metatre ty borine, naho telopolo metatre ty haabone.[3]Ty lavaranga eo agnoloa ty efetragno bey
ty tempoly le roapolo metatre ty halavane, mitovy amity bory ty tempoly, naho folo metatre halalene eo agnoloa
ty tempoly. [4]Reo varavara-kele ty tragno le nataone tere asa naho ty agnatene ty ambalike.[5]Nagnamboarane efetre
ty magnodidy reo rindry ty efetragno bey, magnodidy ty ambalike vaho ty agnate ty efetre. Nasiane efetre ty
magnodidy reo sisine iaby. [6]Ty ambane vatane le dime metatre ty borine, ty agnivone le ene metatre ty borine,
naho ty farane le fito metatre ty borine. Fa ty ambaline le nahene ty rindry magnodidy ty tragno iaby mba tsy
hisarake amireo ambe amity rindry ty tragno.[7]Vato voapaike ro nagnamboara ty tragno. Tsy nisy fikala, famaky,
na vy masio rey tao antragno tamity nagnamboara aze. [8]Ty bakagne antimo ty tempoly le nisy filira tao amity
riha ambane, nisy tohatre raike fanganiha mbaeo amity riha voalohane, naho bakeo agnivone ro miakatre
mbaeo amity riha fahareo.[9]Ka namboare Solomona ty tempoly naho vinitane zay; rinakone ambe vaho hetae
sedera pisake ty tragno. [10]Namboarene teo agnila ty efetragno ty tempoly reo efetre an-danene, dime metatre
isake ty andanene; ka hetae sedera ro nampifandrae ty tragno vaho ty hetae sedera.[11]Niavy tamy Solomona ty
reha Yaveh, nanao hoe: [12]"Ty momba ty tempoly ze namboarenao toy, laha hindeha arake ty lalako vaho hanao ty
rarene riha, hiambe ty liliko iaby naho hagnorike zay, le hamafeseko aminao ty fampagnantegna ze nataoko tamy
Daviva raenao. [13]Hitoboke eo amity vahoake Israely raho naho tsy hahafoe iereo."[14]Ka namboare Solomona ty
tempoly naho vinitane zay. [15]Bakeo le namboarene tamireo hetae sedera ty rindry tao agnate ty tragno. Hatramity
tane ka zisikamity valen-driha, le rinakone hetae ty tao agnate reo, naho hetae Kypreso ro nagnarognane ty
ambane.[16]Nataone roapolo metatre zisikeo andambosy ty tragno misy hetae sedera zisikagne ambane ka
zisikagne amity valen-driha. Nataone ho efetre agnatene ze efetre zay, ty toera masy vatane. [17]Ty efe-tragno bey,
ty toera masy eo agnoloa ty toera masy vatane, le efapolo metatre ty lavane. [18]Nisy sedera tao agnate ty tragno,
voasokitre sare voatango vaho folera mivelatre. Sedera iaby ty ao agnatene. Tsy nisy rare-bato hisake tagnatene
ao.[19]Nagnoma ty efetragno agnatene tao agnate ty tragno mba hametraha ty tomabile fagnenkea Yaveh tao
Solomona. [20]Ty efetragno agnatene le roapolo metatre ty lavane, roapolo metatre ty borine, naho roapolo metatre
ty haabone. Fineno Solomona volamena tsy misy fangarone reo rindry naho rinakone hetae sedera ty alitara.
[21]Fineno Solomona volamena tsy miharo ty agnate ty tempoly naho nampeane rava-bolamena teo agnoloa ty
efetragno agnatene naho fineno volamena ty aloha. [22]Ty agnatene iaby le rinakone volamena zisike ty hivita ty
Tempoly iaby. Finenone volamena avao kea magnera ty alitara ze ao amity efetragno agnatene.[23]Nagnamboatre
kerobima roe tamity hetae oliva ty Solomona, sambe folo metatre iaby ty lavane, ho ahy ty efetre agnatene. [24]Ty
ela ty Kerobima raike le folo metatre ty halavane, naho ty elane hafa le dime metatre avao kea. Ty halava eo
amity loha ty elane raike zisikagne amity loha ty elane hafa. [25]Ty loha ty elane raike ka zisike amity loha ty elane
raike le manana halava folo metatre. Ty kerobima hafa le mana elane folo metatre. [26]Ty kerobima roe le sambe
mitovy halava vaho toera. Ty haabo ty kerobima raike le folo metatre naho manahake zay kea ty kerobima hafa.
[27]Napetra Solomona teo agnivo ty tragno i Kerobima. Navelatre reo ela ty kerobima mba hikasiha ty ela ty raike
amity rindry raike naho ela ty kerobima hafa hikasike ty rindry hafa. Nifampikasike teo agnivo ty toera masy
vatane ty ela iereo.
[29]Rinavane tamireo sare ty kerobima ty tragno, hetaen-drofia, naho folera mitiry, ty ambalike vaho ty agnate reo
efetre. [30]Rinako Solomona tamity volamena ty gorodo, ty efetre ambalike vaho ty agnatene.[31]Namboare Solomona
tamity hetaen'oliva reo varavara filira mbaeo amity efetre agnate. Ty tola vaho ty lelam-baravara le ampahadime
reo faritre natao. [32]Le nagnamboatre varavara reo tamity hetaen'oliva re, naho nampeane sare sokitre ty
kerobima teo amizay, hetaen-drofia, naho folera mitiry. Rinakone tamity volamena reo naho zinarane volamena
teo amity kerobima naho hetaen-drofia.[33]Hoe zay kea, namboare Solomona tamity hetaen'oliva reo varavara filira
ao antempoly ze mizara efatre [34]naho ty varavara roe le hetae kypreso. Reo kopake roe ty varavara le mivalo
naho reo kopake roe ty varavara hafa le mivalo. [35]Nasiane sare sokitre kerobima teo amiereo, hetaen-drofia, naho
folera mivelatre, naho magnisy volamena eo amity asa-sokitre mateteke re.[36]Namboarene tamity vato voapeke
andala telo ty kianja tao agnatene naho ambe sedera raike andala.[37]Ty fagnoregna ty tragno Yaveh le natoboke
tamity tao hafa efatre, tamity vola Ziva. [38]Tamity tao hafa-raike amby folo, tamity vola Bola, ty vola fahavalo, le
vita vatane tamity lafine iaby vaho ty famarita iaby ty tragno. Nandany fito tao ty Solomona nagnamboatre ty
tempoly.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 7

[1]Telo amby folo tao ro nagnanova Solomona ty lampane. [2]Nagnore ty lampane tamity Ala Libanona re. Zato
metatre ty halava zay, dimanpolo metatre ty borine, naho telopolo metatre ty haabone. Namboare tamity
andalan'ambe sedera efatre ty lampa niarake tamity ambe sedera teo amireo tsagam-bato.[3]Tinafo tamity sedera
ty tragno ze napetrake teo amireo ambe. Reo ambe reo le tinoha tamity tsagam-bato. [4]Nisy ambe dime amby
efapolo eo, dime amby folo amity andala raike. Nisy ambe teo amireo andala telo, naho ty varavara kele kirai-
kiraike le nifanandrife tamity varavara kele telo hafa. [5]Ty varavara vaho ty varavara kele iaby le natao ho efa-jato
niarake tamireo ambe, naho ty varavara kele nifanandrife tamity varavara kele telo hafa.[6]Nisy ambe maro
nifampipiteke dimampolo metatre ty halavane naho telopolo metatre ty borine, miarake amity lavaranga eo
agnoloa vaho ambe naho tafo.[7]Nagnore ty rindry ty sezan-droandria ze hitsara aze ty Solomona, le ty efetragno ty
fahamarina. Rinakoke tamity sedera isake ty riha zay.[8]Ty tragno Solomona ze nitobohane, tao amity kianja hafa
misy ty tanen-dapa, le vinolavola mitovy. Nagnore tragno hoe zay ho ahy ty anak'ampela Farao avao kea re, ty
nalaene ho valy.[9]Reo tragno reo le rinavake tamity vato lafo vily voapeke, voametatre soa naho voatampake
tamity tsofa naho natao nalama tamity zaka-iaby. Reo vato reo le nampiasae ho amity fagnoregna reo vato eo
ambonene, vaho tagne ambalike ka hatramity kianja bey avao kea. [10]Ty fototre naore tamity vato bey, vaho lafo
vily ty valo vaho folo metatre ty lavane.[11]Teo ambone le nisy vato lafo vily voapeke ze voamare soa amity
habeine, naho ambe sedera. [12]Nisy andalane vato voatampake telo vaho tampake ambe sedera raike ty kianja bey
ty nagnodidy ty lampa manahake ty kianja ao agnate ty tempoly Yaveh naho ty tempoly ty lavaranga.
[13]Nanampake i Hirama ty Solomona mpanjaka naho ninday aze bakagne Tyro. [14]Hirama le ana ty mpivem-bata
raike tao amity foko i Naftaly; ndaty Tyro ty raene, mpanao asa-tagna amity varahy. Feno hamarea vaho hazavan-
tsay naho fahaia mba hanao asa bey amity varahy ty Hirama. Nindeha mbaeo amy Solomona Mpanjaka re mba
hiasa amity varahy ho ahy ty mpanjaka.[15]Namboatre reo ambe roe tamity varahy ty Hirama, valo amby folo
metatre ty haabone naho roe amby folo metatre ty magnodidy ty kirai-kiraike. [16]Nanao kapitaly roe tamity varahy
voakosoke re mba hapetrake eo ambone reo ambe. Dime metatre ty haabo ty kapitaly kirai-kiraike. [17]Makarakara
mitarehin-karota vaho tanjomiolake mitarehen-drojo ampiasae ho ahy reo kapitaly ro nandravake ty loha reo
ambe fito isake ty kapitaly.[18]Ka nanao andala ampogamben-dagnitse roe nagnodidy ty loha ty ambe kirai-kiraike
ty Hirama mba handravaha reo kapitaly iereo. [19]Reo kapitaly teo ambone reo ambe ty lavaranga le rinavake
tamity lilia, efatre metatre ty haabone.[20]Tao amireo kapitaly tamireo ambe roe reo kea le nahisaha,
ampongamben-dagnitse roajanto milahatre magnodidy ty ambone iaby. [21]Nananga reo ambe tao andavaranga ty
tempoly re. Ty ambe teo ankavana le natao ty hoe Jakina, naho ty ambe teo ankavia le natao ty hoe Boaza. [22]Teo
ambone reo ambe le nisy reo hengone manahake ty lilia. Zay ro fomba nandrafeta reo ambe.[23]Nanao ty koveta
tamity vy ty Hirama, folo metatre isake ty sisiny. Dime metatre ty haabone, naho telopolo metatre ty magnodidy
ty koveta. [24]Nisy tagnatagna manga tao ambane ty sisine nagnodidy ty koveta, folo isake ty metatre, naho naharo
horaike niarake tamity koveta laha ty koveta vatane ro natao.[25]Teo amireo agnombe roe amby folo ty koveta, telo
nagnatreke ty avaratre, telo nagnatreke ty ahandrefa, telo nagnatreke ty antimo, naho telo nagnatreke ty
antignana. Natoboke teo amity ambonegnireo ty koveta, naho nifagnarine ty faritre ty voly ie iaby. [26]Nateve
manahake ty bory ty tana ty koveta, naho ty sisy zay le naore manahake ty sisy ty kope, manahake ty famoa ty
lilia. Agnombe rano roe arivo bata ty koveta.[27]Nanao tomboke varahy folo ty Hirama. Efatre metatre ty halava ty
tombone kirai-kiraike naho efatre metatre ty fivelarane, naho telo metatre ty haabone. [28]Manahake zay ty fanoa
reo tombone. [29]Nisy takelake teo agnivo reo hetae-kele reo, naho nisy liona, agnombe vaho kerobima teo amireo
takelake vaho teo amireo hetae-kele. Teo ambone vaho tao ambane reo liona vaho reo agnombe le nisy feheloha
voatefe soa.[30]Nisy kodia varahy efatre vaho tagnan-kodia ty tsanganane iaby, naho nisy fikala tao ambane ty
sisine efatre ty koveta. Nasia feheloha ty sisy ty kirai-kiraike reo fikala. [31]Fohe manahake ty tomboke ty fisokafa,
metatre raike vaho sasane, naho tao agnate ty satro-boninahitre metatre raike ty lavane. Voasoratre teo amity
fisokafane, naho ty takela reo le efatre zoro, fa tsy fohe.[32]Tao ambane ty takelake reo kodia efatre, naho ty tagnan-
kodia vaho reo fitobohane le tao amity tsangana. Ty haabo ty kodia raike le metatre raike vaho sasane. [33]Naho
natao manahake ty kodia ty kalese reo kodia. Reo fitobohane, reo sisine, reo tagnamasoandrene, vaho reo ivone
le natao vy iaby.[34]Nisy sorone efatre tamireo sisine efatre ty tsangana ty kirai-kiraike, natao tao amity tsangana
avao. [35]Teo ambone reo tsangana le nisy fehem-barike raike antsasa metatre ty halalene, naho eo ambone ty
tsangana ro namehea reo fikala vaho reo takelake.[36]Voasora Hirama Kerobima, liona, vaho hetae rofia ty velara
reo fikalagna vaho reo takelake ty nanaro reo toera malalake, naho mihodidy feheloha reo. [37]Zay ro fomba
nagnanovane reo tsangana folo. Natao tamity lasitra mitovy iaby iaby, naho nana habey, vaho toera mitovy.
[38]Nanao koveta varahy folo ty Hirama. Ty koveta raike le afake magnaja rano efapolo bata. Efatre metatre ty bory


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

ty koveta kirai-kiraike aby naho nisy koveta raike isake ty tsangana folo. 39 Nanao tsangana dime teo amity ilane
antimo ty tempoly re naho dime teo amity ilane avaratre ty tempoly. Nataone teo amity sisine antignana ty
koveta, magnoloa agne antimo ty tempoly. 40 Nanao ty koveta vaho ty lapelene naho ty finga fagniligna ty Hirama.
Ka le vitane ty asa iaby ze nataone ho ahy Solomona Mpanjaka tao antempoly Yaveh: 41 reo ambe soa, vaho reo
finga manahake reo kapitaly ty teo ambone reo ambe roe, naho reo hegon'arato roe makarakara mba hanarogna
ty finga roe manahake reo kapitaly ze teo ambone reo ambe. 42 Nanao reo ampogabein-dagnitse efatre re ho ahy
reo hengon'arato roe voavitre: ampongabein-dagnitse roe ho ahy ty harato kirai-kiraike mba hanarogna ty finga
roe manahake reo kapitaly ze teo amireo ambe, 43 tsangana folo, vaho koveta folo teo amireo tsangana. 44 Nataone
tao ambane zay ty koveta vaho reo agnombe roe amby folo; 45 reo tavy, reo lapele, reo koveta bey, naho reo zaka
hafa iaby avao kea. Natao Hirama tamity varahy voakoseke reo, ho ahy Solomona Mpanjaka, naho ho ahy ty
tempoly Yaveh. 46 Natobo ty mpanjaka tegne amity tane gebo Jordana reo, tao amity tanemanga agnivo Sokota
vaho Zaretana. 47 Tsy niente Solomona reo fanake iaby satria bey loatre laha hoente, satria tsy afake niente ty vesa
ty varahy. 48 Nanao ty fanake iaby ze tao antempoly Yaveh tamity volamena i Solomona: le ty alitara volamena
vaho latabatre ze nagnisia ty mofo ty fiatrefa. 49 Reo fanovan-jiro, dime eo amity ilane ankavana naho dime eo
ankavia, teo aloha ty efetre agnatene, le vita tamity volamena malio, naho reo folera, reo jiro, naho reo lelane le
vita tamity volamena malio. 50 Reo, kapoake, reo meso, reo koveta, reo sotro, vaho reo fagnoroa liten-ketae
magnitse le natao tamity volamena malio iaby. Reo sevily reo varavara ao amity efetre agnatene avao kea, ty
toera masy vatane, vaho reo varavara ty efetre bey ty tempoly, le natao tamity volamena malio iaby. 51 Tamize
fomba zay, ro nahavita reo asa iaby ze natao Solomona Mpanjaka ho ahy ty tragno Yaveh. Ka niente Solomona tao
agnate reo zaka natoka Davida, raene, vaho reo volafoty, volamena, vaho reo fanake, naho napetrane tao amity
efetre famoria tao amity tragno Yaveh reo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 8

[1]Naho Solomona namory reo olobey Israely, reo mpitarike ty foko iaby, naho reo loha ty foko ty vahoake Israely,
teo agnoloane tao Jerosalema, mba hinday ty tomabile fagnenkea Yaveh hiakatre bakagne amity tana Davida,
zano hoe, i Ziona. [2]Nivory teo agnoloa Solomona Mpanjaka tao amity lanogna iaby ty ndaty Israely iaby, tamity
vola Etanima, vola fahafito.[3]Niavy iaby reo ndaty Israely iaby, naho nampiakare reo mpisoro ty tomabile. [4]Niente
iereo niakatre ty tomabile Yaveh, ty tragno iaze fifanojeha, naho reo fanake masy iaby ze tao agnate lay. Niente
reo mpisoro vaho reo Levita niakatre iaby reo zaka iaby reo. [5]Niarake nimbeo agnoloa ty tomabile iaby ty
Solomona Mpanjaka vaho ty fivondrogna Irsaely iaby, nanao soro agnongdry vaho agnombe tsy hay isahe.
[6]Nampilire reo mpisoro teo amity fitobohane ty tomabile ty fagnenkea Yaveh, tao amity efetre agnate ty tragno, le
tao amity toera masy vatane, ambane ela reo kerobima. [7]Fa namelatre ty elane teo amity fitoboha ty tomabile reo
kerobima, naho nanaro ty tomabile vaho ty bao ty ninday aze zane. [8]Lava vatane reo bao kay ka hisake bakeo
amity fitobohane masy teo agnoloa ty efetre agnatene ty ambonene, feie tsy hisake bakegne ambalike reo. Naho
mboe reo reo zisikandroany.[9]Tsy nisy na ino ino tao amity tomabile laha-tsy reo vato pisake roe ze natobo Mosesy
tagne Horeba, tamy Yaveh nanao fagnenkea tamity ndaty Israely laha fa niakatre bakagne amity tane Egypta
iereo. [10]Naho laha fa niakatre bakao amity fitobohane masy reo mpisoro, le nameno ty tempoly Yaveh ty raho.
[11]Tsy naha-fitsanga hanompo reo mpisoro noho ty raho, fa nameno ty tragnone ty hasy Yaveh.[12]Le hoe Solomona
hoe:" Namabara Yaveh fa hitoboke ao agnate iem-pito Re, [13]kanefa nagnore tragno soa vatane ho anao raho, le
toera hitobohanao zisikezay."[14]Le nitolike ty mpanjaka naho nitso-drano ty vondro Israely iaby, laha teo am-
pitsangana ty vondro Israely iaby. [15]Hoe re hoe:" Ho antsae anie Yaveh, Ty Zagnahare Israely, ty nirehake tamy
Davida raeko, naho nahalefe zay tamity tagnane avao, nanao hoe:" [16]Hatramity nindaisako ty vahoakeko niakatre
bakao Egypta, le tsy nifily tana teo amity foko Israely iaby hagnoregna tragno Raho, mba hitoera ty agnarako ao.
Kanefa, nifily Davida mba handily eo amy Israely ndatiko Raho.'[17]Naho tao am-po Davida raeko ty hagnore tragno
ho ahy ty agnara Yaveh, ty Zagnahare Israely. [18]Fa hoe Yaveh tamy Davida raeko hoe:' Fa nataonao tao amponao
ty hagnore tragno ho ahy ty agnarako, le soa ty nagnanovanao zay tao amponao. [19]Na zay aza le tsy hagnore ty
tragno riha; fa kea, ty anadahinao, ze terake bakamity voanao, ro hagnore ty tragno ho ahy ty
agnarako.'[20]Nitanterahe Yaveh ty rehake ze rinehane, fa nitsanga hisolo ty toera Davida raeko raho, ka mitoboke
eo amity sezan-droandria Israely, arake ty nampagnategna Yaveh. Naoreko ho ahy ty agnara Yaveh, ty Zagnahare
Israely ty tragno. [21]Le fa nagnamboatre fiboha ho ahy ty tomabile agne raho, ty misy ty fagnenkea Yaveh, ze
nataone tamireo razantika tamy ninday iereo niakatre bakao amity tane Egypta Re."[22]Nitsanga teo agnoloa ty
alitara Yaveh ty Solomona, teo agnoloa ty vondro Israely iaby, naho namelatre ty tagnane ho agne amity lagnitse.
[23]Hoe re hoe:" Ry Yaveh, Zagnahare Israely o, tsy misy Zagnahare manahake anao na agne amity lagnitse ambone
na eto ambane tane, te mita ty tsy fivaliham-pagnekeane amireo mpanomponao ze mindeha eo agnoloaneo amity
arofone iaby; [24]Riha ze nita ty fampagnategnanao tamy Davida raeko mpanomponao. Egne, nirehake tamity
vavanao Riha naho nataonao tamity tagnanao zay, manahake ty androany.[25]Amizao are, ry Yaveh, Zagnahare
Israely, anovo ze nampagnategnaenao tamy Davida raeko mpanomponao, laha fa nirehake Riha hoe:' Tsy ho rava
aminao ty hana fasahiragna hitoboke eo amity sezan-droandria Israely eo amasoko, laha miambe ty hindeha eo
agnoloako ty fokoko, manahake ty nindehananao teo agnoloako.' [26]Amizao are, ry Zagnahare Israely, mivavake
raho mba ho lefe ty fampagnategna nataonao tamy Davida raeko mpanomponao.[27]Fa tena hitoboke etoy antane
vatane vao ty Zagnahare? Ingo, zao tontolo zao vaho ty lagnitse aza tsy tandre anao__sandrake fa ty tempoly ze
naoreko toy! [28]Kanefa mba dranjigno rie ty vavake ty mpanomponao vaho ty hatane toy, ry Yaveh Zagnahareko;
midranjigna ty kaike vaho ty vavake atao ty mpanomponao eto agnoloanao androany.[29]Enga anie ka hivoha
amity tempoly toy andro aman'kaleke ty masonao, eo amity toera ze nirehafenao hoe:" Ho ao ty agnarako vaho ty
fiatrehako.'__mba hidranjigna ty vavake hatao ty mpanomponao ty magnatreke ty toera toy. [30]Ka midranjigna ty
hata ty mpanomponao vaho ty Israely ndatinao laha fa mivavake magnatreke ty toera toy zahay. Eka,
midranjigna bakagne amity toera itobohanao, bakagne andagnitse; naho laha fa midranjy Riha, le mba
mamotora.[31]Laha manonta amity namane ty ndaty raike ka tsy maintsy hampanove fifanta, naho laha avy ka
manao fifanta eo agnoloa ty alitaranao ato amity tragno toy re, [32]le midranjigna bakagne andagnitse ka miasa;
tsarao reo mpanomponao, mba hasiake ty meloke naho hampihere ze nataone ho eo amity lohane avao, naho
hagnombara ty maray mba ho tsy manan-tsiny, vaho hamale soa aze noho ty hamareane.[33]Laha fa resy ty
fahavalo ty Israely ndatinao satria nanonta taminao, ka laha mihere aminao iereo, magnenke ty agnaranao,
mivavake, naho mangatake famotora bakaminao ato amity tempoly toy__[34]le midranjigna agne andagitse rie
naho mamotora ty hadisoa ty Israely ndatinao; ento mihere agne amity tane ze nomeanao ty razane iereo.[35]Laha
mihily ty lagnitse ka tsy misy ora satria nanonta taminao ty vahoake__laha mivavake miatreke ty toera toy iereo,

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

magnenke ty agnaranao, naho miala amity hadisoane laha fa bake nampijalenao__[36]le midranjigna agne
andagnitse naho mamotora ty hadisoa ty mpanomponao vaho ty Israely ndatinao, laha fa magnanatre iereo ty
lala soa ze tokone hombane Riha. Mandatsaha ora eo amity tanenao, zay nameanao ho lova ty ndatinao.[37]Laha
atao ty hoe misy kere eo amity tane, na atao hoe misy arete-mandrava, hamaiha ty vare na mate foty, valala na
sompanga; na atao hoe misy fahavalo manafike ty vavahady ty tana ao amity tane iereo, na misy loza na
arete__[38]naho laha atao ndraike hoe misy vavake vaho hatake natao ty ndaty raike na ty Israely vahoakenao
iaby__ze sambe mahay ty loza agne ampone iabike laha mamelatre ty tagnane ho amity tempoly toy re.[39]Le
midranjigna agne andagnitse, ty toera hitobohanao, mamotora naho miasa, naho valeo soa ty ndaty iaby noho ze
ataone; Riha mahay ty arofone, fa Riha le riha avao ro mahay ty arofo ty ndaty iaby. [40]Anovo zay mba
hampitahotse iereo aminao amity andro iaby hivelogna iereo eo amity tane ze nomeanao ty razanay.[41]Fagnampe
zay, mikasike reo vahiny ze tsy agnate Israely vahoakenao: laha avy bakagne amity firenen-davitse re noho ty
Agnaranao__[42]fa mihendrea momba ty agnaranao bey, ty tagnanao mahere, naho ty sandrinao miakatre
iereo__laha fa avy vaho mivavake magnatreke ty tempoly toy iereo, [43]le midranjigna rie agne andagnitse, ty toera
hitobohanao, naho anovo iaby ze angatahe ty vahiny aminao. Anovo zay mba hahaiane ty vondro'gnodaty iaby
eto antane ty agnaranao ka hatahora iereo Anao, arake ty atao Israely ndatinao arere. anovo zay mba hahaia
iereo fa ty tragno ze naoreko toy le kaihe amity agnaranao.[44]Laha atao hoe mindeha miakatre hialy amity
fahavalo ty ndatinao, na ino ino fomba nandefasanao iereo, naho laha mivavake aminao, Yaveh, magnatreke ty
tana ze voafilinao iereo, naho magnatreke ty tragno ze naoreko ho ahy ty agnaranao. [45]Le midranjigna ty vavake
vaho ty hata iereo agne andagnitse, naho ameo rarene re.[46]Laha atao hoe manonta aminao iereo, satria tsy misy
ndaty tsy manonta, naho laha atao hoe meloke amiereo Riha ka manolotre iereo ho eo amity fahavalo, ka alae ty
fahavalo ho azo ho agne amity tanene iereo, na lavitse na marine. [47]Naho laha atao ty hoe tiarove iereo fa agne
amity tane ze nanovanao sese-tane aze iereo, naho laha atao hoe mibebake iereo ka mipay soatre aminao agne
amity tane reo nahazo aze reo. Laha mirehake iereo hoe:' Nanao zaka tsy mete zahay naho nanonta. Raty entam-
bata zahay.'[48]Ka mihere aminao amity arofone iaby vaho ty fagnahine iaby agne amity tane reo fahavalone ze
nahazo aze iereo, naho laha atao hoe mivavake aminao manandrife ty tanene, ze nomeanao ty raza iereo, naho
manandrife ty tana ze finilinao iereo, naho manandrife ty tragno ze naoreko ho ahy ty agnaranao.[49]Le
midranjigna ty vavake iereo vaho ty hata iereo famonjea, agne andagnitse, ty toera hitobohanao, naho
hagnamare ty raraha ho ahy iereo Riha. [50]Mamotora ty ndatinao, ze nidiso taminao, vaho ty hadisoane iaby ty
nandikane ty lilinao. Mahazo iereo magnoloa ty fahavalone ze ninday aze ho azo, mba hiferenaigna ty fahavalo
iereo ty vahoakenao avao kea.[51]Vahoakenao ze finilinao iereo, ze navotenao bakagne Egypta manahake ty bakao
amity fata fandrehetam-by. [52]Mivavake raho mba hivoha amity hatane ty mpanomponao vaho ty hata Israely
ndatinao ty masonao, mba hidranjy iereo na mbia na mbia hikaihane anao. [53]Fa navahenao teo amireo vahoake
ty tane iaby iereo mba ho anao naho handrae reo fampagnategnanao, arake ty nihazavaenao tamity alala Mosesy
mpanomponao, tamy ninday ty razanay niakatre Egypta Riha, ry Tompo Yaveh."[54]Ka laha fa baka nanao ze
vavake vaho hatake iaby ty tamy Yaveh ty Solomona, le nitsanga bakeo agnoloa ty alitara Yaveh re, laha fa baka
nandohalike vaho namelatre ty tagnane nagnatreke ty lagnitse. [55]Nitsanga re naho nitso-drano ty vondro Israely
iaby tamity feo mafe, nanao hoe:" [56]"Antsae anie ty Yaveh, ty nagnomea fitofa ho ahy Israely ndatine, tamity
fitanane ty fampagnategnane iaby. Tsy nisy rehake poke bakamity fampagnategna soa Yaveh ze nataone tamy
Mosesy mpanompone.[57]Hiomba antika anie Yaveh Zagnaharentika, manahake ty niombane reo razantika. [58]Tsy
hienga antika anie Re na hahafoe antika, mba hatongilane ho amine ty arofontika, mba hivelo amity lalane iaby
vaho hiambe reo lily aman-dalane naho reo fotsipene, ze nandiliane reo razantika.[59]Ao reo rehake ze nambarako.
ze nangataheko teo agnoloa Yaveh, ho agnila Yaveh Zagnaharentika andro aman'ale, mba hagnomeane rarene ty
mpanompone vaho ty Israely ndatine, arake arake ze paie isan'andro; [60]mba ho hay ty firene iaby eto antane fa
Yaveh, ro Zagnahare, naho tsy misy Zagnahare hafa! [61]Ka ao ho mare amy Yaveh Zagnaharentika eo amity lalane
naho hiambe reo liline, manahake ty androany."[62]Ka le nanolotre soro ho ahy Yaveh ty mpanjaka vaho reo Israely
iaby niarake tamine. [63]Nanolotre soro fagnate-pilongoa ty Solomona, nataone ho ahy Yaveh: agnombe roa arivo
vaho roa ale naho agnondry 120.000. Ka le nitokana ty mpanjaka vaho reo vahoake Israely iaby ty tragno Yaveh.
[64]Ty andro io avao le natoka ty mpanjaka ty agnivo ty kianja teo agnoloa ty tempoly Yaveh, fa teo ro nanolorane ty
fagnatetre oroa, ty fagnatetre vare, naho ty sabora ty fagnate-pilongoa, satria kele loatre laha handraesa ty
fagnatetre oroa, ty fagnatetre hohane, naho ty sabora reo fagnate-pilongoa ty alitara varahy ty teo agnoloa Yaveh.
[65]Ka natao Solomona, mbamireo Israely iaby niarake tamine, ze fivodrognam-bey, zisikagne Lebo-hamata ka
zisikagne amity baibon-driake Egypta, teo agnoloa Yaveh Zagnahare zisike ty fito andro naho zisike ty fito andro
hafa kea, ze mira efatre amby folo andro ty raraha tamize andro zay. [66]Naho tamity andro fahavalo le nampoly
reo vahoake re, naho nitso-drano ty mpanjaka iereo ka noly tagne antragnone tamity arofo falefale vaho fale
noho ty amity hasoa iaby natoro Yaveh tamy Daviva mpanompone, naho tamy Israely ndatine.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 9

[1]Laha fa vita Solomona ty fanangana ty tragno Yaveh vaho ty lampa ty mpanjaka, naho laha fa nahalefe iaby ze
niriene ho vita re, [2]le niseho fagnindroene tamy Solomona Yaveh, manahake ty nisehoane tamine tao Gibeona.
[3]Naho hoe Yaveh tamine hoe:" Le fa reiko ty vavakenao vaho ty hatanao ze nataonao teo agnoloako. Le fa
natokako ho ahy, ty tragno ze nantsanganao toy, mba hametrahako ty agnarako ho ao zisikezay. Ty masoko vaho
ty arofoko le ho eo avao amity andro iaby.[4]Naho riha, laha hindeha eo agnoloako manahake ty nindehana Davida
raenao tamity fahitiam-pone vaho tamity hamarea, hagnenke ze nandiliako anao iaby naho hiambe reo lalako
vaho reo liliko, [5]le hametrake ty sezan-droandria ty fanjakanao eo amity Israely zisikezay raho, manahake ty
nampagnategnako tamy Davida raenao, hoe:' Ty fokonao le tsy hiala eo amity sezan-droandria Israely vatane.'[6]Fa
laha mivio riha, riha na reo ananao, ka tsymiambe reo liliko vaho reo lalako ze napetrako eo agnoloanao, naho
laha mindeha ka manompo zagnaharen-kafa naho mihohoke eo amiereo riha, [7]le hafahako amity tane ze
nameako iereo Israely; naho ty tragno ze le fa natokako ho ahy ty agnarako toy, le hafahako tsy ho hisa ty
masoko, naho Israely le holasa manahake ty zaka fikizahe vaho hihehea eo amireo vahoake iaby.[8]Ho rava ho
antontam-bato ty tempoly toy, naho iaby ze mandrio eo amizay le ho gaga ka hisiotsioke. Hagnotane iereo hoe:'
Nagnino Yaveh ro nanao zao tamity tane vaho tragno toy?' [9]Ty hafa hamale hoe:' Satria nahafoe Yaveh
Zagnaharene iereo, ze ninday ty razam-bey iereo niakatre ty tane Egypta, naho niraike tamireo zagnaharen-kafa
ka nihohoke naho nanompo iereo. Zay ro antone nindaisa Yaveh ze loza iaby zay tamiereo."'[10]Laha fa tampetre ty
roapolo tao ze nahavita Solomona ty fanangana reo tragno bey roe, ty tempoly Yaveh vaho ty lampa ty mpanjaka.
[11]Naho hirama mpanjaka Tyra, le nagnomea hetae sedera vaho kypreso, naho volamena ty Solomona-iaby ze
nirie Solomona-ka le nomea Solomona Mpanjaka tana roapolo tao amity tane i Galilia ty Hirama.[12]Niakatre bakao
Tyro ty Hirama mba hanente reo tana ze nomea Solomona aze, kanefa tsy nahafale aze zay. [13]Naho hoe Hirama:"
Fa tana ino toa ameanao ahy toa, ry rahalahiko?" Natao Hirama hoe Tane Kobola reo, ze mboe hikaiha iereo
zisikagne naho zisikandroany. [14]Nampagnatetre talenta volamena 120 ho ahy ty mpanjaka ty Hirama.[15]Ze
magnarake zao ro anto ty fitakea amity asa ze napetra Solomona Mpanjaka: mba hanangana ty tempoly Yaveh
vaho ty lampane, mba hanangana Milo vaho ty rindry Jerosalema, naho ty mba hanangana ty manda fiaro
Hazora, Megido, naho Gazera. [16]Niakatre naho nangalake Gazera ty Farao mpanjaka Egypta. Noroane zay naho
vinonone reo kananita tao antana. Naho le nomea Farao ty anak'ampelane, valy Solomona, ho fomey ho ahy ty
fagnakaram-baly ty tana.[17]Ka le nahere Solomona natsanga Gazera vaho Beti-horona Ambane, [18]Baleta
vahoTadmora agne angnefetre agne amity tane Joda, [19]vaho reo tana famoria iaby ze nanagnane, vaho reo tana
reo kalesene naho reo tana ty mpitiki-tsoavale, naho iaby ze niriene hatsanga ho zakateane tao Jerosalema, tao
Libanona, naho tamity tane iaby eo ambane ty fehene[20]Naho reo vahoake iaby sisa tavela tamireo Amorita, Hitita,
Perizita, Hivita, naho Jebosita, ze tsy vahoake Israely, [21]reo foko iereo ze tavela niarake tamiereo tao amity tane,
ze tsy vita ty ndaty Israely ty nandrava aze iaby_natao Solomona mpiasa antseresere iereo, zisikandroany.[22]Na le
zay aza, le tsy natao Solomona mpiasa antseresere reo vahoake Israely. Fa kea, lasa miaramilane vaho
mpanompone, manan-kasine, vaho manam-boninahine naho mpifehe reo kalesene naho mpitiki-tsoavalene
iereo.[23]Toa avao kea reo bey ty manam-pahefa mita reo mpagnori-maso ze teo amity asa Solomona, 550 tamiereo,
ty nagnori-maso ty vahoake ze niasa.[24]Nifindra bakao amity tana Davida mba ho agne amity tragno ze natsanga
Solomona hoaze ty anak'ampela Farao. Tatoy afara, le nananga i Milo ty Solomona.[25]Manolotre fagnatetre oroa
vaho fagnate-pilongoa in-telo isan-tao eo ambone ty alitara ze naorene ho ahy Yaveh ty Solomona, magnoro liten-
ketae magnitse miarake amireo eo ambone alitara ze eo agnoloa Yaveh. Ka vitane ty tempoly naho ampiasaene
zay amizao.[26]Nagnamboatre andian-tsambo tao Ezion-gebera ty Solomona Mpanjaka, ty agnila Elota, teo amoro ty
Riake Mena, tao amity tane Edoma. [27]Nandefa mpanompo ho ahy ty andian-tsambo Solomona ty Hirama,
tantsambo aze nahay ty riake, niarake tamireo mpanompo Solomona. [28]Nindeha tagne Ofira niarake tamireo
mpanompo Solomona iereo. Bakagne ro nindaisa iereo talenta volamena 420 ho ahy Solomona Mpanjaka.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Laha fa naharey ty laza Solomona momba ty agnara Yaveh ty mpanjaka vave Sheba, le niavy hitsapa aze amity
ontane sarotre re. [2]Niavy tagne Jerosalema niarake tamina rodobey lava le lava, nisy rameva ninday zaka-
magnitse, volamena bey vatane, naho vato lafovily maro re. Laha niavy re, le nambarane tamy Solomona aiby ze
tao ampone iaby.[3]Vinale Solomona ty ontanene iaby. Tsy nisy tsy voavale ty mpanjaka ty ontanene. [4]Laha fa
nahisake ty hamarea Solomona iaby ty mpanjaka vave Sheba, ty lampa ze naorene, [5]ty sakafo teo andatabane, ty
seza ty mpanompone, ty asa reo mpanompone vaho ty siky iereo, naho ty mpinday ty kapoakene avao kea, vaho
ty fomba nanolorane fagnatetre oroa tao antragno Yaveh, le hisake vatane re.[6]Hoe re tamity mpanjaka:" Mare
vatane, ty talily ze reiko tagne amity taneko momba ty rehanao vaho ty hamareanao. [7]Tsy nino raho laha tsy
niavy etoy, naho nahisake maso zay raho amizao. Tsy ampe antsasane amity hamarea vaho hareanao ro
voatantara tamiko! Nihoatre ze reiko ty lazanao.[8]Sambatre reo valinao, naho sambatre avao kea reo
mpanomponao ze mijano magnoloa anao avao, satria maharey ty hamareanao iereo. [9]Hoantsae anie Yaveh
Zagnaharenao, ty mahisake saotre aminao, vaho nametrake anao teo amity sezan-droandria Israely. Satria tea
Yaveh zisikezay Israely, nataone mpanjaka riha, mba hanovanao ty rarene vaho ty hamarea!"[10]Nomeane talenta
volamena 120 naho zaka-magnitse maro vaho vato lafovily ty mpanjaka. Tsy nisy nagnomea zaka-magnitse maro
manahake reo ze nomea ty mpanjaka vave i Sheba i Solomona Mpanjaka sase.[11]Naho ty sambo Hirama, ze ninday
volamena bakagne Ofira, ninday hetae almoga vaho vato lafovily maro avao kea. [12]Natao ty mpanjaka tsangam-
bato ho ahy ty tragno Yaveh vaho ty lampa ty mpanjaka, naho lokanga vaho valiha ho ahy reo mpiantsa ty hetae
almoga. Tsy nisy hetae almoga maro manahake ze niavy na hisake sase zisikandroany.[13]Nomea Solomona
Mpanjaka iaby ze niriene ty mpanjaka vave Sheba, na ino ino nangatahene, miampe ze fagnomea Solomona aze
amity fagnomea ty Mpanjaka. Ka le nihere tamity tanene niarake tamireo mpanompone re.[14]Naho ty volamena
niavy tao amy Solomona tao agnate ty herentao le talenta volamena milanja 666, [15]laha tsy ty ty volamena niente
reo mpanakalo vaho mpivarotre. Reo mpanjaka iaby tagne Arabia vaho reo governora tao amity firene avao kea
le ninday volamena vaho volafoty tagne amy Solomona.[16]Nanao ampinga bey roanjato vita tamity volamena
voatefe ty Solomona Mpanjaka. Sekele volamena enenjato ro nagnanova ty raike tamizay. [17]Nanao ampinga
telonjato vita tamity volamena voatefe avao kea re. Ka volamena telo mane ro nagnanova ty raike tamity
ampinga; napetra ty mpanjaka tao amity lampa ty Ala i Libanona reo.[18]Naho nanao sezan-droandria ivory bey ty
mpanjaka naho finognone tamity volamena farane ze manify zay. [19]Nisy antagna-tohatre ene nimbaeo amity
sezan-droandria, naho fohe ty fiankinane. Nisy fametrahan-tagna isake ty sisy seza, naho liona roe mitsanga eo
agnilane. [20]Liona roe amby folo ro nitsanga teo amireo antagnan-tohatre, raike isake ty sisy ty antagnan-tohatre
ene. Tsy nisy sezan-droandria manahake zay teo amity firene hafa iaby.[21]Ty kapoake finoma Solomona Mpanjaka
iaby le vita tamity volamena iaby, naho ty kope finoma tao amity Lampa ty Ala i Libanona le vita tamity
volamena tsy misy fangarone iaby. Tsy nisy volafoty reo, satria tsy rinae ho lafovily zay tamity andro Solomona.
[22]Nana andian-tsambo mpitete riake ty mpanjaka, niarake tamity andian-tsambo i Hirama. Indraike agnate ty telo
tao ro ninday volamena, volafoty, naho ivory reo andian-tsambo, naho rajako vaho gidro avao kea.[23]Nihoatre
tamin-karea vaho tamity hamarea noho ty ahy reo mpanjaka iaby teto antane ty ahy Solomona Mpanjaka. [24]Nipay
ty hifagnatreke tamy Solomona ty tane raike iaby mba haharey ty hamareane, ze natobon'Agnahare tao ampone.
[25]Ninday fagnomea reo ze namangy, fanake volafoty vaho volamena, naho akanjo, akanjo fiaro, naho zaka-
magnitse, soavale vaho ampondra avao kea, isan-tao isan-tao[26]Namory kalese vaho mpitiki-tsoavale ty Solomona.
Nana kalese 1.400 vaho mpitiki-tsoavale roe arivo vaho ray ale re ty najanone tao amity tana fitoboha ty kalese
vaho niarake tamine tagne Jerosalema. [27]Nana volafoty tao Jerosalema ty mpanjaka, maro manahake ty vato teo
amity tane zay. Nataone maro manahake ty hetae aviavy tegne amity tane gebo ty hetae sedera.[28]Nana soavale ze
vinily tagne Egypta vaho Silisia ty Solomona. Viniline ty mpivarotre ty mpanjaka isan-andiane iereo, naho sambe
nana ty viline aby ty andiane raike. [29]Ty kalese le tagne ambaly Egypta ro nivilie naho sekele volafoty enenjato ty
raike, naho soavale 150 sekele ty raike. Maro tamireo ro navily tamity mpanjaka ty Hetita vaho ty mpanjaka ty
Syriana iaby.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 11

[1]Naho Solomona Mpanjaka le nitea ampela vahiny maro: ty anak'ampela Farao vaho reo ampela i Moabita,
Amonita, Edomita, Sidoniana, naho reo Hetita-[2]reo firene voakasike zay nirehafe Yaveh tamireo vahoake Israely
hoe:" Tsy hindeha eo amiereo riha mba hanambaly, na iereo ho eo aminao, satria iereo le hampitolike ty
arofonao amireo zagnahare iereo vatane." Kanefa ty Solomona tea reo ampela reo.[3]Nana valy roakemba bey
fitonjato vaho valy telonjato ty Solomona. Nampitolike ty arofone reo ampela reo. [4]Fa laha fa niha-antetre ty
Solomona, le nampitolike ty arofone tamireo zagnaharen-kafa reo valine; fa tsy tena angnakim-po vatane tamy
Yaveh Zagnaharene re, manahake ty arofo Davida raene.[5]Fa Solomona le nagnorike i Astarta, ty zagnaharem-
bave reo Sidoniana, naho nagnorike i Milkoma re, ty sampe raty reo Amorita. [6]Nanao ze raty teo amaso Yaveh ty
Solomona; tsy nagnorike vatane Yaveh re, manahake ty natao Davida raene.[7]Naho nananga toera abo ho ahy
Kemosy ty Solomona, ty sampe raty Moaba, teo amity tazoa antignana Jerosalema, naho ho ahy Moloka avao kea,
ty sampe raty ty vahoake i Amona. [8]Nananga toera abo avao kea re ho ahy reo ampela vahiny iaby, ze nagnoro
liten-ketae magnitse vaho nanao soro ho ahy reo zagnahare iereo tamireo[9]Meloke tamy Solomona Yaveh, noho ty
niotaha ty arofone niala tamine, ty Zagnahare Israely, na le niseho indroe tamine aze Re [10]naho nandily aze
momba o raraha ao vatane, fa tsy tokone hagnorike reo zagnaharen-kafa re. Fa i Solomona le tsy nagnenke ze lily
Yaveh.[11]Laha zao le hoe Yaveh tamy Solomona:" Satria nanao zay riha naho tsy nita ty fagnenkeam-pilongoa vaho
reo lalako ze nandiliako anao, le halaeko aminao vatane ty fanjaka naho homeiko ty mpanomponao. [12]Kanefa,
noho ty amy Davida raenao, le tsy hanao zay amity androm-piaignanao iaby raho, fa hagnafake zay amity tagna
ty ananao. [13]Tsy mboe hagnafake ty fanjaka iaby aminao raho; fa hagnomea foko raike ho ahy ty ananao noho ty
amy Davida, vaho noho ty amy Jerosalema, ze finiliko."[14]Le nananga fahavalo raike ho ahy Solomona Yaveh, le i
Hadada Edomita. Bakamity fokon-droandria Edoma re. [15]Laha fa tao Edoma Davida, le niakatre mba handeve ty
mate Joaba ty bey ty tafike, ty ndaty iaby ze vinono tao Edoma. [16]Nitoboke tao zisike ty enem-bola ty Joaba vaho
Israely iaby zisike nimateza ty lahilahy iaby tao Edoma. [17]Fa i Hadada le nalae reo mpanompo ty raene tao Egypta
niarake tamireo Edomita hafa, satria ty Hadada le mboe kele.[18]Niala tao Midiana iereo naho niavy tao Parana, ze
nagnala iereo ndaty miarake amine ho agne Egypta, ho agne amy Farao mpanjaka Egypta, ty nagnomea tragno
vaho tane naho sakafo hoaze. [19]Nahisake sitrake bey teo amaso Farao ty Hadada, ka nomea Farao valy re, le ty
rahavavem-baline, ty rahavave ty Tapanesa mpanjaka vave.[20]Niterake ajalahy tamy Hadada ty rahavave
Tapanesa. Nomea iereo ty agnara hoe Genobata re. Natsanga i Tapanesa tao amity lampa Farao re. Ka nitoboke
tao amity lampa Farao teo amireo ana i Farao ty Genobata. [21]Laha mboe tao Egypta re, le naharey ty Hadada fa
nimate agne amireo razane ty Davida naho i Joaba ty kapitene ty miaramila le mate, hoe Hadada tamy Farao:"
Engao raho hindeha mba ho afake hoagne amity fireneko." [22]Le hoe ty Farao tamine:" Fa ino ro tsy ampe anao
amiko eto, ro mipay ho agne amity firenenao riha amizao?" Le namale ty hadada hoe:" Tsy misy. Mba engao
hindeha rie raho."[23]Nanangam-pahavalo hafa ho ahy Solomona avao kea ty Zagnahare, le i Rezona ana i Eliada, ty
nilay i Hadadezera mpanjaka Zoba tompone. [24]Namory ndaty hoaze ty Rezona ka lasa kapitene tafike kele re, laha
fa naharesety ndaty Zoba ty Davida. Reo lahilahy Rezona le nimbaeo Damaskosy naho nitoboke tagne, ka finehe i
Rezona ty Damaskosy. [25]Fahavalo Israely re zisike ty andro Solomona iaby, niarake tamity koronta ze nanoe i
Hadada. Nalay Israely Rezona naho nanjaka teo amy Arama.[26]Naho i Jeroboama ana i Nebata, Efraimita bakagne
Zadera, manam-pahefa Solomona, zay Zeroa ro agnaran-drenene, mpivembata raike, le nagnakatre ty tagnane
tamity mpanjaka avao kea. [27]Ty antone nanangananane ty tagnane tamity mpanjaka le satria nagnore toeratao Milo
vaho nanampe ty lavake tamity rindry ty tana ty Davida rae Solomona.[28]Jeroboama le lahilahy raike mahere. Hisa
Solomona fa zatovo miasa re, ka nomeane alala nibaiko reo asa iaby tao amity tragno i Josefa. [29]Tamize andro zay,
laha fa niakatre i Jerosalema ty Jeroboama, le nahisake aze tegne amity lalana ty Ahia Silonita mpaminane. Naho
niakanjo vao Ahia naho iereo roe lahy le arere tao ambaibo. [30]Naho nagnafake ty akanjo vaovao ze tegne amine
Ahia ka nizara zay ho roe ambifolo.[31]Hoe re tamy Jeroboama:" Mangala tampatampane folo, fa Yaveh, ty
Zagnahare Israely, nanao hoe:" Ingo, hagnafake ty fanjaka eo amity tagna Solomona raho ka hagnomea foko folo
ho anao [32](fa Solomona le hana foko raike, noho ty amy Davida vaho vaho noho ty amy Jerosalema-ty tana ze
finiliko tamireo foko Israely iaby), [33]satria nahafoe Ahy iereo naho nanompo i Astarta ty zagnaharem-bave reo
Sidoniana, Kemosy ty zagnahare Moaba, naho Moloka ty zagnahare ty vahoake Amona. Tsy nindeha tamity
lalako iereo, mba hanao ze mare eo amasoko, vaho hiambe reo lalanako vaho reo liliko, manahake ty natao
Davida raene.[34]Kanefa, tsy afake ty fanjaka raike iaby amity tagna Solomona Raho. Fa kea, nanao aze ho mpandily
amity andro iaby hifantane, noho ty amy Davida mpanompoko ze finiliko, ty raike ze niambe reo liliko vaho reo
lalanako. [35]Fa hangalake ty fanjaka eo antagna ty anane Raho ka hagnomea zay anao, le reo foko folo. [36]Hagnomea
foko raike ho ahy ty ana i Solomona raho, mba hana fanilo zisikagne eo agnoloako ao Jerosalema ty Davida


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

mpanompoko, tana ze finiliko mba hasia ty agnarako.[37]Hangalake anao raho, ka handily riha mba handefe iaby
ze irienao, le ho mpanjaka eo amy Israely riha. [38]Laha midranjy ze handiliako anao iaby riha, naho laha mindeha
amireo lalako vaho manao ze mare eo amasoko, mba hiambe reo lalanako vaho reo liliko, manahake ty natao
Davida mpanompoko, le hiarake aminao raho naho hananga tragno azo antoke ho anao, manahake ty
nananganako ho ahy Davida, naho hagnomea anao Israely Raho. [39]Hagnasaze reo foko Davida raho, fa tsy ho
zisikezay."'[40]Ka nikasa ty hamono Jeroboama ty Solomona. Fa i Jeroboama niakatre naho nilay tagne Egypta, tagne
amy Sisaka mpanjaka Egypta, le nijano tao Egypta re zisike ty nifateza Solomona.[41]Laha ty amity raraha hafa
mikasike Solomona, iaby ze nataone vaho ty hamareane, feie vao tsy voasoratre ao amity boke reo tantara
momba i Solomona reo? [42]Nanjaka tao Jerosalema tamireo Israely iaby ty Solomona zisike ty efapolo tao. [43]Nimate
tagne amireo razambeine re naho naleve tao amity tana i Davida raene. Le lasa mpanjaka tafarane ty
Rehoboama anadahine.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 12

[1]Le nimbaeo Sekema ty Rehoboama, satria ty Israely iaby ro niavy tao Sekema mba hanao aze ho mpanjaka.
[2]Naharey zay Jeroboama anadahy Nebata (fa re mboe tagne Egypta, tagne amize nialane ty fiatreha Solomona
Mpanjaka), satria Jeroboama nitoboke tao Egypta.[3]Naho nampagnirake vaho nikaike aze iereo, naho Jeroboama
vaho reo fiangona Israely iaby niavy naho nirehake tamy Rehoboama hoe:" [4]Natao ty raenao mavesatre ty
zioganay. Ka haivagno ty asa mafe ty raenao, naho hamaivagno ty zioga mavesatre ze nampindesene anay, le
hanompo anao zahay." [5]Rehoboama nirehake tamiereohoe:" Mindehana zisike ty telo andro naho miheregna
amiko atoy." Ka lasa ty vahoake.[6]Nangalake hevetre tamireo lahilahy zoke-ty ndaty ze nagnatreke i Solomona
raene tamy re mboe velo ty Rehoboama Mpanjaka, naho hoe re hoe:" Ino ro torohenareo ho ahy mba hamaleako
reo vahoake reo?" [7]Nirehake tamine iereo naho nanao hoe:"Laha ho mpanompo reo vahoake reo riha androany
ka hanompo iereo, naho hamale iereo amity rehake soa, le ho mpanomponao zisikagne iereo."[8]Fa Rehoboama
nilietse ty torohevetre ze nomea ty zoke-ty ndaty aze naho nipay hevetse tamireo ajalahy ze niarabey tamine
vaho nagnatreke aze. [9]Hoe re tamiereo hoe:" Ino ro torohevetre omeanareo ahy ze mete havalentika reo vahoake
ze nirehake vaho nanao tamiko hoe:" Haivagno ty zioga ze natobo ty raenao taminay'?"[10]Reo ajalahy ze niarabey
tamy Rehoboama nirehake tamine naho nanao hoe:" Mirehafa amireo vahoake ze nirehake taminao fa i
Solomona raenao le nanao ty zioga iereo ho mavesatre kanefa riha tsy maintsy hagnaiva zay. Tokone hirehake
amiereo riha ho:' Ty ankihikeleko le bey noho ty valaha ty raeko. [11]Ka amizao, na le nampinday zioga mavesatre
anareo aza ty raeko, le mboe hagnampe ty zioganareo raho. Ty raeko nagnalilo anareo tamity karavasy fa zaho
kea hagnalilo anareo amity mengoke."'[12]Ka niavy tagne amy Rehoboama tamity andro fahatelo Jeroboama vaho
ty vahoake iaby, arake ty nandilia ty mpanjaka laha fa nirehake re hoe:" Miheregna amiko eto amity andro
fahatelo." [13]Ty mpanjaka namale ty vahoake tamity rehake mafe naho nilietse ty torohevetre ze nomea reo zoke-
ty ndaty aze. [14]Nirehake tamiereo re arake ty toroheve reo ajalahy; hoe re ty hoe:" Nampinday anareo zioga
mavesatre ty raeko, kanefa mboe hagnampe ty zioganareo raho. Nagnalilo anareo tamity karavasy ty raeko, fa
zaho kea hagnafay anareo amity mengoke."[15]Naho le tsy nidranjy ty vahoake ty mpanjaka, fa bakamy Yaveh ze
zaka zay, mba hahafahane manao ty rehane ze nirehafene tamity alala Ahia Silonita tamy Jeroboama anadahy
Nebata.[16]Laha fa hisa ty Israely iaby fa tsy nidranjy iereo ty mpanjaka, le namale aze ty vahoake naho nanao
hoe:" Ino ro mba anjaranay ao amy Davida? Tsy mana lova ao amity anadahy Jese zahay! Mindena agne
antragnonareo, ry Israely. Amizao henteo ty fokonao, ry Davida." Le nihere tagne antragnone ty Israely. [17]Fa reo
vahoake Israely ze nitoboke tao antana Joda, le i Rehoboama ro lasa mpanjaka iereo.[18]Naho i Rehoboama
Mpanjaka nagnirake i Adorama, ze nifehe mpiasa antseresere, fa ty Israely iaby nitora-bato aze ka mate re.
Rehoboama mpanjaka nilay malaky tagne Jerosalema niakatre tamity kalesene. [19]Laha zao Israely le niharo
tamity foko Davida zisikandroany.[20]Laha fa rey Israely iaby fa nihere Jeroboama le nampagnirake nampikaike
aze ho ao amity fivoria iereo, naho nanao aze ho mpanjaka ty Israely iaby. Tsy nisy ndaty na raike aza nagnorike
ty foko Davida, laha tsy ty foko Joda arere avao.[21]Laha fa niavy tao Jerosalema Rehoboama, le namory reo foko
Joda vaho reo foko i Benjamina iaby; nisy lahilahy voafily 180.000 te miramila, mba hialy amity foko Israely, mba
hagnere ty fanjaka Rehoboama anadahy Solomona.[22]Fa ty safan'Agnahare niavy tamy Semaia, ty
lahilahin'Agnahare; voalaza hoe:
[24]"Zao ro safa Yaveh: Ko manafike na mialy amity rahalahinao vahoake Israely riha. Ty lahilahy kirai-kiraike le tsy
maintsy mihere agne amity tragnone, satria bakamiko ze zaka zao." Le nidranjy ty safa Yaveh iereo, naho nihere
vaho nandrae ty lalane, naho nagnenke ty rehane iereo.[25]Naho Jeroboama nagnore i Sekema teo amity tane tazoa
Efraima, naho nitoboke teo. Niakatre bakao re naho nagnore i Pehoela. [26]Jeroboama nanao anakam-po hoe:"
Hihere ho ahy ty foko Davida ty fanjaka amizao. [27]Laha miakatre mba hanao soro ao amity tempoly Yaveh ao
Jerosalema reo vahoake reo, le hihere amity tompo iereo, le amy Rehoboama mpanjaka Joda ndraike ty arofo reo
vahoake reo. Hamono ahy iereo ka hihere amy Rehoboama mpanjaka Joda."[28]Naho Rehoboama mpanjaka nipay
hevetre naho nagnamboatre anak'agnombe volamena roe; le hoe re tamity vahoake:" Sarotre ho anareo ty
hiakatre hoagne Jerosalema. Ingo, toa ty zagnaharenareo, ry Israely, ty ninday anareo niakatre niala ty tane
Egypta." [29]Natobone tao Betela ty raike naho ty hafa tagne Dana. [30]Naho le lasa hadisoa ze fihetseke zay. Ty
vahoake nindeha tamity raike na ty hafa, tamity lala iaby mbaeo Dana.[31]Jeroboama nagnore reo tragno tamity
toera abo naho nanendre mpisoro bakamireo vahoake iaby, zay tsy bakao amireo anadahy Levy avao kea re.
[32]Nanendre andro fifalea ty Jeroboama tamity vola fahavalo, tamity andro faha dime amby folo ty vola,
manahake ty hafalea te agne Joda, naho niakatre tegne amity alitara re. Tagne Betela ro nanovane zay, nanao
soro tamity anak'agnombe ze namboarene, naho natobone tagne Betela reo mpisoro tao amity toera abo ze
nataone.[33]Niakatre tagneamity alitara ze namboarene tao Betela ty Jeroboama tamity andro faha dime ambifolo


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

tamity vola fahavalo, tamity vola ze nihevere ty saine avao; nanendre andro fifalea ho ahy ty vahoake Israely re, naho niakatre tagne amity alitara mba hagnoro liten-ketae magnitse.

## Chapter 13

1 Nisy lahilahin'Agnahare bakagne Joda niavy tao Betela noho ty safa Yaveh. Nitsanga teo agnila ty alitara ty
Jeroboama mba hagnoro liten-ketae magnitse. 2 Nikorake tamity alitara noho ty safa Yaveh re hoe:" Alitara!
Alitara! Zao ro nambara Yaveh hoe:' Ingo, hisy lahilahy atao ty hoe Josia haterake amity foko Davida, naho eo
aminao ro hanovane soro mpisoro amity toera abo vatane ze magnoro liten-ketae magnitse eo aminao amizao.
Hagnoro taolan'ondaty eo aminao iereo."' 3 Bakeo ty lahilahin'Agnahare nagnomea famantara tamy andro igne
avao, nanao hoe:" Zao ro famantara nirehafe Yaveh:' Ingo, hizara ty alitara, naho hirarake ty lavenoke amine
eo."' 4 Laha fa rey ty mpanjaka ze nirehafe ty lahilahin'Agnahare, fa nikaike mafe nandietse ty alitara tao Betela re,
le namototre ty tagnane bakeo amity alitara ty Jeroboama, nanao ho:" Trepaho re." Bakeo mate ty tana ze
vinotone tamity lahilahy, ka tsy afake nagnemotre zay hihere sase re. 5 (NIzara avao kea ty alitara naho niarake
bakeo amity alitara ty lavenoke, arake ty voafary ty famantara ze nomea ty lahilahin'Agnahare noho ty safa
Yaveh.) 6 Namale Jeroboama Mpanjaka nhao nirehake tamity lahilahin'Agnahare hoe:" Mangataha saotre amy
Yaveh Zagnaharenao, naho mivavaha ho ahy, mba hihere amiko ndraike ty tanako." Laha zao le nivavake tamy
Yaveh ty lahilahin'Agnahare, naho nihere tamine ndraike ty tana ty mpanjaka, naho lasa manahake ty taloha zay.
7 Hoe ty mpanjaka tamity lahilahin'Agnahare hoe:" Andao holy miarake amiko ka mba hitofa, naho homeako
valesoa riha." 8 Hoe ty lahilahin'Agnahare tamity mpanjaka hoe:" Na le homeanao ahy aza ty antsasa ty
fanagnanao, le tsy hindeha hiarake aminao raho, na hihinan-kane na hinon-drano amity toera toy, 9 satria Yaveh
nandily ahy tamity rehane hoe:' Tsy hihina mofo na hinon-drano riha, na hihere amity lala ze niboahanao."'
10 Laha zao le nindeha tamity lala hafa ty lahilahin'Agnahare naho tsy nihere tagne antragnone tamity lala ze
nombane ho agne Betela. 11 Naho nisy mpaminane antetre raike nitoboke tao Betela, naho niavy ty raike tamireo
anadahine ka nirehake tamine ty zaka iaby ze vita ty lahilahin'Agnahare tao Betela tamio andro o. Nirehafe i
anagney tamine kea reo rehake ze nirehafe ty lahilahin'Agnahare tamity mpanjaka. 12 Hoe ty rae iereo tamiereo
hoe:" Aia ro lala nombane?" Naho hisa ty anane ty lala nomba ty lahilahin'Agnahare bakagne Joda. 13 Laha zao le
hoe re tamireo anadahine hoe:" Asio lasele ho ahy ty borike." Ka le nasia iereo lasele ty borike naho nitikitse re.
14 Nagnorike ty lahilahin'Agnahare ty mpaminane antetre ka nahisake aze nitoboke teo ambane ty hetae terebinta;
naho hoe re tamine:" Iriha vao ty lahilahin'Agnahare bakagne Joda?" Le namale re hoe:" Izaho vatane." 15 Bakeo
nirehake tamine ty mpaminane antetre hoe:" Andao hiarake amiko agne antragno naho hihinan-kane." 16 Le
namale ty lahilahin'Agnahare hoe:" Tsy hindeha hiarake aminao raho na hilitse hiarake aminao, na hihinan-kane
na hinon-drano miarake aminao amize toera zay, 17 satria nandilia ahy tamity safa Yaveh zay hoe:' Tsy mahazo
mihina sakafo na minon-drano agne riha, na mihere amity lala ze nandehananao."' 18 Le hoe ty mpaminane
antetre tamine hoe:" Mpaminane manahake anao kea raho, naho nisy anjele nirehake tamiko noho ty safa Yaveh,
nanao hoe:' Ento mihere agne antragnonao miarake aminao re, mba hahafahane mihinan-kane vaho minon-
drano."' Kanefa navande tamity lahilahin'Agnahare re. 19 Laha zao le nindeha nihere niarake tamity mpaminane
antetre ty lahilahin'Agnahare naho nihinan-kane tao antragnone vaho ninon-drano. 20 Laha nitoboke teo
andatabatre iereo, le niavy tamity mapminane ze ninday aze nihere ty safa Yaveh, 21 naho nikorake tamity
lahilahin'Agnahare ze bakagne Joda re, nanao ty hoe:" Hoe Yaveh ty hoe:' Satria tsy nanenke ty reha Yaveh riha
naho tsy niambe ty lily ze nomea Yaveh anao, 22 fa nihere vaho nihinan-kane vaho ninon-drano tao amity toera ze
nirehafe Yaveh anao mba tsy hihinana hane na hinoma rano, le tsy haleve agne amity kibory reo razambeinao ty
vatanao." 23 Laha fa baka nihinan-kane vaho laha fa baka nino re, le nasia ty mpaminane lasele ty borike ty
lahilahin'Agnahare, ty lahilahy ze nihere niarake tamine. 24 Laha fa lasa ty lahilahin'Agnahare, le nisy liona
nifanoje tamine tegne andala naho namono aze, ka nenga teo andala ty fatene. Bakeo ty borike nitsanga teo
agnila zay, naho ty liona avao kea le nitsanga teo agnila ty fate. 25 Laha fa nandrio teo ty ndaty ka nahisake ty fate
tavela teo andala, naho ty liona nitsanga teo agnila ty fate, le nindeha iereo naho nirehake zay tagne amity tana
ze nitoboha ty mpaminane antetre. 26 Laha fa rey ty mpaminane ze ninday aze nihere tamity lala zay, le heo re
hoe:" Ty lahilahin'Agnahare ze tsy nanenke ty safa Yaveh zay. Laha zao le nomea Yaveh ty liona re, ze namiravira
aze naho namono aze, arake ty nampiambena ty safa Yaveh aze." 27 Ka nirehake tamireo anane lahy ty
mpaminane, nanao ty hoe:" Asio lasele ty borikeko,' le nasia iereo lasele zay. 28 Nindeha re naho nahisake ty fate
tavela tagne andala, naho ty borike vaho ty liona nitsanga teo agnila ty fate. Tsy nihane ty liona ty fate, na
nivinonone ty ampondra. 29 Nalae ty mpaminane ty fate ty lahilahin'Agnahare, nampandrene teo amity borike zay,
naho nientene nihere. Niavy tagne amity tanane arere re mba handala vaho handeve aze. 30 Nampandrene tao
amity kibory arere ty fate, naho nandala aze iereo, nanao ty hoe:" Feie, ry rahalahiko!" 31 Laha fa baka nandeve aze
iereo, le nirehake tamireo anane lahy ty mpaminane antetre, nanao hoe:" Laha fa mate raho, le alevegno ao
amity kibory ze nandevegna ty lahilahin'Agnahare. Ampandreo eo agnila ty taolane ty taolako. 32 Satria ty hafatre

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

ze nambarane noho ty safa Yaveh, tamity alitara tao Betela vaho tamireo tragno iaby agne amity toera abo agne
amireo tana Samaria, le hiseho vatane."[33]Tafaragnio le tsy niala tamity fomba ratine Jeroboama, fa mboe nanohy
nanondro mpisoro bakamity foko ndaty ho amity toera ambone avao. Ze tahanompo le natokane ho mpisoro.
[34]Lasa hadisoa tamity longo i Jeroboama vaho nahavy ty longnone ho poteke vaho rava teto ambone ty tane zay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 14

[1]Tamize andro zay le nanare mafe Abia anadahy Jeroboama. [2]Hoe Jeroboama tamity valine hoe:" Mirsangana rie
naho magnova toera, mba tsy ho hay ty ndaty fa valiko riha, naho mindehana agne Silo, fa agne ro misy i Ahia
mpaminane; ie ty nirehake ty momba ahy, nirehake fa lasa mpanjaka reo ndaty reo raho. [3]Mindaisa mofo folo,
mofomamy tsiampe, vaho tantele tavoara raike, naho mindehana agne amy Ahia. Hitalily aminao ze hiseho amio
kolo o re."[4]Nanoe ty valy Jeroboama zay; le lasa re naho nindeha nimbaeo Silo, naho niavy tao antragno Ahia.
Naho tsy nahisake ty Ahia; tsy nahisake sase re noho ty fianterane. [5]Hoe ty Yaveh tamy Ahia hoe:" Ingo, ho avy eto
aminao ty valy Jeroboama mba hipay toro-hevetre mikasike ty anane lahy, satria marare re. Zao iaby rehafe
amine, satria laha fa avy re, le kisare hanao ampela hafa re."[6]Laha fa rey Ahia ty feo ty tombone laha re nilitse ty
varavara ay, le hoe re ty hoe:" Milira, ry valy Jeroboama. Nagnino riha ro kisare manao ndaty hafa? Nirahe
hitalily vaovao raty ho anao raho. [7]Mindehana, ambarao Jeroboama fa Yaveh, ty Zagnahare Israely, le nanao ty
hoe:' Nakareko tamireo ndaty riha mba hahavy anao ho mpitarike ty vahoake Israely. [8]Nafahako teo amity foko
Davida ty fanjaka naho nameako anao zay, nefa riha le tsy manahake Davida mpanompoko Davida, niambe ty
liliko naho nagnorike ahy tamity arofone iaby, mba tsy hanao laha tsy ty mare eo amasoko.[9]Fa riha kea le nanao
raty, mihoatre noho reo iaby nagnoloa anao. Riha le nanao zagnahare hafa, nanao saren-jaka an-indy mba
hahameloke ahy, naho nagnafake ahy ho ao andambosinao. [10]Laha zao, ingo, hinday loza amity fokonao raho;
handrava ty ajalahy iaby ao Israely raho, na ty ndevo na ty afake, naho hamoa vatane ty fokonao, manahake ty
ndaty magnoro zezeke zisike ty hirava zay.
[12]Ka mitsangana, ry valy Jeroboama naho miheregna agne antragnonao; laha fa militse ao amity tana ty
tombonao, le ho mate ty Abia. [13]Handala vaho handeve aze ty Israely iaby. Re avao ro arere bakamity foko
Jeroboama haleve ao agnate kibory, satria tao amine arere avao, bakao amity tragno Jeroboama, ro nahisaha
zaka soa teo amaso Yaveh, ty Zagnahare Israely.[14]Yaveh avao kea le hagnakatre mpanjaka Israely raike ze
handrava ty foko Jeroboama amio andro o. Androany ze andro zay, zao dieny zao. [15]Fa YAveh le hanafike Israely
manahake ty volotara hozogne ty rano, naho re le hagnombotre Israely hiala eo amio tane soa ze nomeane ty
razambey iereo o. Hanjara iereo agne andafe ty rano Efrata re, satria nanao baon'Aseraha iereo naho
nahameloke Yaveh. [16]Re le hiala Israely noho reo hadisoa Jeroboama, reo hadisoa ze nataone, vaho nitarihane
Israely mba hanonta."[17]Le nitsanga ty valy Jeroboama ka nindeha, naho niavy tao Tirza. Laha niavy teo
ambaravara ty tragnone ra, le mate ty kolo. [18]Nandeve vaho nandala aze ty Israely iaby, arake ty le fa nirehafene
tamiereo arake ty reha Yaveh ze nambarane tamity alala Ahia mpaminane mpanompone.[19]Naho reo zaka hafa
mikasike Jeroboama, ty nagnaramane aly vaho nanjakane, le ingo, sinoratre tao amity boke ty tantara ty
mpanjaka Israely reo. [20]Nanjaka roe amby roapolo tao Jeroboama naho nimate niarake tamireo razambeine,
naho Nadaba anane lahy ro lasa mpanjaka teo amity toerane.[21]Naho Rehoboama ana i Solomona ro nanjaka tao
Joda. Raike amby efapolo tao Rehoboama ro lasa mpanjaka, naho nanjaka fito amby folo tao tamy Jerosalema re,
ty tana ze finily Yaveh tamity foko Israely iaby hagnisia ty agnarane. Ty agnara ty renene le Nama Amonita.
[22]Nanao ze raty amaso Yaveh ty Joda; nanao hasarota ho aze ty hadisoa natao iereo, mihoatre naho ty zaka iaby
ze le fa natao ty razambey iereo.[23]Fa iereo avao kea le nagnamboatre toera abo ho ahy ty vatagniereo, tsangam-
bato, naho baon'Aseraha magnera ty vohitse vaho tegne ambane hetae maintso. [24]Nisy kea reo lahilahy nivaro-
bata tao amity tane. Nanao reo zakaraty fatao ty firene ze niroahe Yaveh teo agnoloa ty vahoake Israely iereo.
[25]Naho tamity fahadime tao nanjaka Rehoboama mpanjaka ro niavy nanafike i Jerosalema ty Sisaka mpanjaka i
Egypta. [26]Nalaene iaby reo harea tao antragno Yaveh, vaho reo harea tao antragno ty mpanjaka. Nalaene iaby ty
zaka iaby; nalaene avao kea reo ampinga volamena iaby ze namboare Solomona.[27]Nanao ampinga varahy teo
amity toera iereo avao kea i Rehoboama mpanjaka naho nametrake reo teo antagna reo mpifehe ty mpiambe, ze
niambe ty varavara ty tragno ty mpanjaka. [28]Isake ty nilitse tao antragno Yaveh ty mapanjaka, le nondrone reo
mpiambe reo; naho niente iereo nihere tao amity tragno ty mpiambe.[29]Naho reo zaka hafa mikasike Rehoboama,
vaho ze nataone iaby, feie vao tsy le fa voasoratre ao agnate ty boke ty tantara ty mpanjaka i Joda reo? [30]Nisy aly
zisikefarane teo amy Rehoboama vaho Jeroboama. [31]Ka nimate niarake tamireo razambeine ty Rehoboama naho
niarake naleve tamiereo tao amity tana Davida. Ty agnara ty renene le i Nama amonita. Abia anane lahy ro lasa
mpanjaka teo amity toerane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 15

[1]Tamity tao fahavalo amby folo nanjaka Jeroboama anadahign'i Nebata, le nanomboke nanjaka teo amy Joda ty
Abia. [2]Nandily telo tao tamy Jerosalema re. Imaka ro agnara ty renene. Anak'ampela Adsaloma re. [3]Nindeha
tamity hadisoa iaby ze nataon-draene taloha ty androne re; ty arofone le tsy mba voatoka ho ahy Yaveh
Zagnaharene manahake ty arofo Davida, razambeine.[4]Na zay aza, naho ty amy Davida, Yaveh Zagnaharene le
nagnomea fanilo aze tagne Jerosalema tamity alala ty fanangana ty anane hisolo aze mba hahamafe i Jerosalema.
[5]Nataon'Agnahare zay satria Davida le nanao ty mare teo amasone; zisike ty andro iaby niaignane, tsy mba nivio
tamize iaby nandiliane aze re, laha tsy tamity raraha Oria Hetita avao. [6]Naho nisy aly teo amy Rehoboama vaho
Jeroboama zisike ty androm-piaigna Abia iaby.[7]Ty amy reo raraha hafa mikasike Abia, le ze nataone iaby, feie tsy
le fa voasoratre ao amity boke ty tantara ty mpanjaka Joda vao reo? Nisy aly teo amy Abia vaho Jeroboama.
[8]Nimate niarake tamireo razambeine Abia, naho le naleve iereo tagne amity tana Davida re. Asa anane ro lasa
mpanjaka teo amity toerane.[9]Tamity tao faha roapolo nanjaka Jeroboama mpanjaka Irsaely, le nanomboke
nanjaka teo amy Joda ty Asa. [10]Nandily zisike ty raike amby efapolo tao tamy Jerosalema re. Imaka ro agnara ty
zazane, ty anak'ampela i Absaloma. [11]Nanao ty mare teo amaso Yaveh ty Asa, hoe ty natao i Davida razambeine.
[12]Rinoane tsy ho amity tane reo lahilahy mpitsangatsanga amity fanompoan-tsampe ze natao reo razambeine.
[13]Nafahane tamity maha-mpanjaka vave aze kea ty Maka, zazane, satria re nagnamboatre sampe raty bakamity
baon'Ashera. Tinampa Asa ty sampe raty ka noroane tagne ambaibon-driake Kidrona.[14]Fa reo fitoboha abo tsy
mba nafahane. Na zay aza, ty arofo Asa le voatoka ho ahy Yaveh vatane zisike ty androne iaby. [15]Nientene ho agne
antragno Yaveh ty zaka ze voatoka ty raene, vaho reo zaka ze voatoka vita tamity volafoty vaho volamena, naho
reo enta.[16]Nisy aly teo amy Asa vaho Basa mpanjaka Israely, tamity andro iereo iaby. [17]Nanao rehareha tamy Joda
ty Basa mpanjaka Israely ka nananga i Rama, mba tsy hiengane ty ndaty hiala na hilitse ao amity tane Asa
mpanjaka Joda.[18]Naho le nalae Asa ty volafoty vaho volamena iaby sisa tao amireo efetre famoria tao amity
tragno Yaveh, vaho reo efetre famoria ty lampa ty mpanjaka. Nataone teo antagna reo mpanompone naho
nampagnaterene ho ahy Beni-hadada anadahy Tabrimoma anadahy Heziona, mpanjaka i Syria, ze nitoboke
tagne Damaskosy zay. Hoe re: [19]"Ao hisy fifagnenkea amiko vaho aminao, manahake ze nisy teo amity raeko vaho
ty raenao. Ingo, le fa nampanese ho anao raho. Ravao ty fegnenkeanao vaho Basa mpanjaka Israely, mba hialane
amiko."[20]Nidranjy i Asa mpanjaka Beni-hadada ka nandefa reo mpifehe ty tafine, naho le nanafike ty tana Israely
iereo. Nanafike i Iona, Dana, Abelabeti-maka, naho ty Kinerota iaby, niarake tamity tane Naftaly iaby iereo.
[21]Naho laha fa rey Basa zay le najanone ty fanangana i Rama naho nihere tagne Tirza re. [22]Naho le nanao
fagnombara teo amy Joda iaby ty Asa mpanjaka. Tsy nisy na raike afake niala. Nalae iereo iaby reo vato vaho ty
hetae Rama ze nagnoregna i Basa ty tana. Naho le nampiasae Asa mpanjaka zay zaka fagnamboara zay mba
hanangana i Geba i Benjamina vaho Mizpa.[23]Ty amireo zaka hafa mikasike Asa, ty herene iaby, ze nataone iaby,
reo tane naorene iaby, feie tsy le fa voasoratre ao amity boke ty tantara ty mpanjaka Joda vao reo? Kanefa zisike
ty androm-pianterane le narare tamity tombone re. [24]Naho nimate niarake tamireo razambeine ty Asa ka le
naleve niarake tamiereo tao amity tana Davida raene. I Josafata anane lahy ro lasa mpanjaka nisolo aze.[25]Nadaba
anadahy Jeroboama nanomboke nanjaka tamy Israely tamity tao faharoe nanjaka Asa mapanjaka Joda; nanjaka
tamy Israely zisike ty roe tao re. [26]Nanao ty raty tamaso Yaveh re naho nindeha tamity lalan-draene, vaho tamity
hadisoane, ze nitarihane ty Israely hanonta.[27]Basa anadahy Ahia, bakamity foko Isakara, navande handietse i
Nadaba; vinono Basa tao Gibetona, ze ahy reo Filistina re, satria Nadaba vaho ty Israely iaby nanao faherano
tagne Gibetona. [28]Tamity tao fahatelo nanjaka Asa mpanjaka Joda, le namono i Nadaba ka lasa mpanjaka teo
amity toerane.[29]Laha vaho lasa mpanjaka re, le vinono Basa ty foko Jeroboama iaby. Tsy nisy nengane ty fiay ty
foko Jeroboama; ze fomba zay ro nandravane ty foko ty mpanjaka, arake ze natalily Yaveh tamy Ahia Silonita
mpanompone, [30]noho reo hadiosa Jeroboama ze nataone vaho ty nitarihane ty Israely hanonta, satria nipay ty
helo Yaveh, ty Zagnahare Israely re.[31]Ty amity zaka hafa mikasike i Nadaba, vaho ze nataone iaby, feie tsy le fa
voasoratre ao amity boke ty tantara ty mpanjaka Israely vao reo? [32]Nisy aly teo amy Asa vaho Basa mpanjaka
Israely tamity andro iereo iaby.[33]Tamity tao fahatelo nanjaka Asa mpanjaka Joda, le nanomboke nanjaka teo amy
Israely iaby tagne Tirza ty Basa anadahy Ahia naho nanjaka zisike ty efetre amby roapolo tao re. [34]Nanao ze raty
teo amaso Yaveh re naho nagnorike ty fomba i Jeroboama vaho ty hadisoane ze nitarihane ty Israely hanonta.

## Chapter 16

[1]Avy tamy Jeho ana i Hanany ty safa Yaveh handietse Basa, nanao ty hoe: [2]"Na le fa nagnafake anao hiala amity
deboke aza raho vaho nanao anao ho mpitarike eo amy Israely vahoakeko, le fa nagnorike ty fomba Jeroboama
riha naho nampanonta Israely vahoakeko, mba hahameloke ahy amity hasisoa iereo.[3]Ingo, haravako vatane ty
Basa vaho ty fokone naho hanao ty fokonao ho hoe ty foko i Jeroboama ana i Nebata raho. [4]Nihane reo amboa ty
ndaty Basa ze mate ao antana, naho reo voro ty lagnitse le nihina ty ndaty ze mate egne ambaibo."[5]Ty amireo
zaka hafa mikasike Basa, ze nataone, vaho ty herene, feie vao rey tsy le fa voasoratre ao amity boke ty tantara reo
mapanjaka Israely reo? [6]Nimate niarake tamireo razambeine ty Basa naho naleve tagne Tirza, naho Elaha anane
ro lasa mpanjaka teo amity toerana.[7]Le niavy nandietse Basa vaho ty fokone ty safa Yaveh tamity alala Jeho
mpaminane ana i Hanany, noho ty raty iaby ze nataone teo amaso Yaveh, mba hahameloke aze amity asa ty
tagnane, manahake ty foko Jeroboama, naho satria le fa namono ty foko i Jeroboama iaby avao kea re.[8]Tamity
fahaene amby roapolo tao nanjaka Asa mpanjaka Joda, le nanomboke nanjaka teo amy Israely tagne Tirza ty Ela
ana i Basa; nanjaka zisike ty roe tao re. [9]Zimry mpanompone, kapitene ty ila ty kalesene, le nihevetre handietse
aze. Naho tagne Tizra ty Ela, nagnamamo ty vatane ao antragno i Arza, ty teo amity foko Tirza. [10]Le nilitse ty
Zimry, nanafike vaho namono aze, tamity hafa fito amby roapolo tao nanjaka Asa mpanjaka i Joda, ka lasa
mpanjaka nisolo ty toerane.[11]Laha fa nanomboke nanjaka vaho natoboke teo amity sezan-droandria Zimry, le
namono ty foko i Basa iaby re. Tsy nagnenga lahilahy raike tamity longo vaho nama Basa ho velo re. [12]Ka rinava
Zimry ty foko Basa iaby, arake ty safa Yaveh ze nirehafene handietse i Basa tamity alala Jeho mpaminane, [13]noho
ty hadisoa Basa iaby vaho ty hadisoa Ela anane ze natao iereo, vaho ty nitariha iereo ty Israely hanonta, mba ho
nahafaha iereo nipay Yaveh, ty Zagnahare Israely, mba ho meloke amity sampe iereo.[14]Ty amireo zaka mikasike i
Ela, iaby ze nataone, feie vao rey tsy le fa voasoratre tao amity boke ty tantara reo mpanjaka Israely?[15]Tamity
fahafito amby roapolo tao nanjaka Asa mpanjaka Joda, le nanjaka tagne Tirza zisike ty fito andro avao ty Zimry.
Naho nitobe tao Gibetona, ze ahy reo Filistina ty tafike. [16]Reo tafike nitobe tagne le naharey ty rehake hoe:"
Nimenomeno Zimry naho le fa namono ty mpanjaka." Ka tamize andro zay tagne antobe, ty Israely iaby le
nagnombara i Omry, ho mpifehe ty tafike, ho mpanjaka eo amy Israely. [17]Nindeha niakatre bakagne Gibetona
Omry vaho reo Israely iaby niarake tamine, naho nanao faherano i Tirza iereo.[18]Laha fa hisa Zimry fa le azo ty
tana, le nilitse tao amity fiaro mafe ze niharo tamity lampa ty mpanjaka re naho nagnoro ty tragno teo amine;
tamize fomba zay ro nifatezane tao agnate afo. [19]Zay le naho ty hadisoa vitane tamity fanova raty teo amaso
Yaveh, tamity fagnoriha ty foma Jeroboama vaho tamity hadisoa ze le fa nataone, mba hitarike ty Israely
hanonta. [20]Laha ty amireo zaka hafa mikasike i Zimry, vaho reo fivaliha ze nataone, feie vao reo tsy le fa
voasoratre ao amity boke ty tantara reo mpanjaka Israely?[21]Bakeo le zinarane ho toko roe reo vahoake Israely.
Nagnorike i Tibny ana i Ginata ty ila ty vahoake, mba hanao aze ho mpanjaka, naho ty ilane nagnorike Omry. [22]Fa
nahere naho reo ndaty nagnorike Tibny ana i Ginata reo ndaty nagnorike Omry. Ka mate Tibnia; naho lasa
mpanjaka ty Omry.[23]Nanmboke nanjaka teo amy Israely tamity hafa raike amby telopolo tao nanjaka Asa
mpanjaka Joda ty Omry, naho nanjaka zisike ty roe amby folo tao. Nanjaka tagne Tirza zisike ty enen-tao re.
[24]Viniline tamy Samera tamity talenta volafoty roe ty tazoa Samaria. Nagnore tana teo amity tazoa re naho nanao
ty agnara ty tana hoe Samaria, arake ty agnara Samera, ty tompo ty tazoa taloha.[25]Nanao ze raty teo amaso Yaveh
ty Omry naho raty fagnahy mihoatre iaby ze teo alohane. [26]Fa nindeha tamity lala iaby i Jeroboama ana Nebata
vaho ty hadisoane ze nitarihane ty Isarely hanonta, mba hipay Yaveh, ty Zagnahare Israely, mba ho meloke amity
sampe iereo ze tsy misy antone re.[27]Laha ty amity zaka hafa mikasike ze natao Omry, vaho ty here ze nasehone,
feie tsy le fa voasoratre ao amity boke ty tantara reo mpanjaka Israely vao reo? [28]Ka le nimate niarake tamireo
razane ty Omry naho naleve tagne Samaria naho Ahaba anadahine ro lasa mpanjaka nisolo ty toerane.[29]Tamity
fahavalo amby telopolo tao nanjaka Asa mpanjaka Joda, le nanomboke nanjaka reo amity Israely Ahaba ana i
Omry. Nanjaka teo amity Israely tao Samaria zisike ty roe amby roapolo tao ty Ahaba ana i Omry. [30]Nanao ze raty
teo amaso Yaveh Ahaba ana i Omry, mihoatre noho reo iaby ze talohane.[31]Zaka tsy nisy dikane tamy Ahaba ty
nindeha tamity hadisoa Jeroboama ana i Nebata, ka le nalaene ho valine ty Jezebela anak'ampela Etibala,
mpanjaka reo Sidoniana; nindeha naho nanompo i Bala re ka nihohoke tamine. [32]Nagnore alitara ho ahy Bala tao
antragno Bala re, ze naorene tagne Samaria. [33]Le namboatre baon'Aseraha ty Ahaba. Mboe nanao mihoatre noho
zay aza Ahaba mba hahameloke Yaveh, ty Zagnahare Israely, mihoatre reo mpanjaka Israely iaby talohane.
[34]Zisike ty fitondra Ahaba, le nagnere nagnore i Jeriko ty Hiela bakagne Betela. Hiela le nametrake ty foto ty tana
tamity arofo Abirama, anadahine voalohane; naho Segoba, faralahine; le namoe ty fiaine laha nagnoregnane reo
vavahady ty tana, arake ty safa Yaveh ze nirehafene tamy Josoa ana i Nona.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 17

[1]Elia Tisbita, bakagne Tisba agne Gileada, nirehake tamy Ahaba ty hoe:" Laha mboe velo kea Yaveh, ty Zagnahare
ty Israely, ze nitsanganako eo agnoloane, le tsy hisy mika na ora amity tao toy laha tsy mirehake zay raho."[2]Niavy
tamy Elia ty reha Yaveh, nanao ty hoe: [3]"Miala teo naho mindehana manignana; mihaja ao amity baibon-driake
Kerita, antignana Jordana. [4]Naho hino ty rano bakao amity baibon-driake riham, naho le fa nandily reo goake
raho hamaha anao agne."[5]Ka nindeha ty Elia naho nanao arake ze nandilia ty safa Yaveh. Nindeha re mba
hitoboke eo amity baibon-driake Kerita, antignana Jordana. [6]Ninday mofo vaho hena ho ahy reo goake ty maray
naho mofo vaho hena ty hariva, naho nino tamity baibon-driake re. [7]Fa laha fa afake kele le maike ty baibon-
driake satria tsy nisy ora tamity tane.[8]Niavy tamine reo safa Yaveh, manao ty hoe:" [9]"MItsangana, mindehana
agne Zarefata, zay agne Sidona, naho mitoboha agne. Ingo, le fa nandily mpivembata tagne raho mba hampihina
anao." [10]Ka nitsanga re naho nindeha tagne Zarefata, naho lafa fa niavy teo ambavahady ty tana re le nisy
mpivembata raike namory tapa-ketae teo. Le nikaike iereo naho nanao ty hoe:" Mba hindaisanao rano kele
agnate siny rie raho mba hinomako."[11]Laha nindeha hangalake rano re le nikaike aze re, naho hoe re:" Mba
andaiso mofo raike egne antagnanao rie raho." [12]Le namale aze re hoe:" Laha mboe velo kea Yaveh
Zagnaharenao, le tsy mana mofo raho, fa sakafo feno ty tagna agnate siny vaho menake kele agnate tavoara avao.
Ingo, mamory tsila-ketae roe raho mba hahafahako militse ao le mahandro zay ho ahy vaho ahy ty anako, mba
hihinananay zay, naho ho mate." [13]Hoe Elia tamine:" Ko matahotre. Mindehana naho anovo arake ze le fa
nirehafene, nefa anovo mofo kele raho aloha naho ento miakatre eto amiko zay. Naho laha fa vita zay le manova
ho anao vaho ho ahy ty ananao.[14]Fa Yaveh, ty Zagnahare ty Israely, manao ty hoe:' Tsy ho rava ty sinin-kane, na
hijano hily ty tavoara ty menake, zisike hiavia ty andro hampipoha Yaveh ty ora eto antane." [15]Le nanao arake ze
nirehafe Elia tamine re. Re vaho Elia, niarake tamity fokone, le nihina zisike ty andro maro. [16]Tsy rava ty sinin-
kane, na nijano nily ty tavoara ty menake, arake ze le fa nirehafe ty safa Yaveh, arake ze rehafene tamy Elia.
[17]Tafara reo zaka reo, le narare ty ana rampela, ty tompo ty tragno. Tena nahere vatane ty aretene ka tsy niay sase
re. [18]Ka hoe ty renene tamy Elia:" Ino ro hasahiranao amiko, ry lahilahin'Agnahare? Niavy amiko eto mba
hampahatiaro ahy ty hadisoako naho hamono ty anako vao riha?"[19]Le namale aze Elia ty hoe:" Ameo ahy ty
anako lahy." Nalaene tamity sandrine ty ajalahy naho nientene niakatre tao amity efetre ze nijanognane, naho
nampiroroene teo amity fandreane ty kolo. [20]Nikorake tamy Yaveh re naho nanao ty hoe:" Yaveh Zagnahareko o,
feie vao ninday loza teo amity mpivembata ze hijanognako avao kea riha, tamity famonoa ty anane?" [21]Bakeo le
namototre ty tagnane intelo teo amity kolo Elia; nikorake mafe tamy Yaveh re naho nanao ty hoe:" Yaveh
Zagnahareko o, mangatake aminao raho, engao rie hihere ao amine ty fiay ty kolo toy."[22]Nidranjy ty feo Elia
Yaveh; ka nihere tamine ty fiay ty kolo, naho velo ndraike re. [23]Nalae Elia ty kolo naho nientene niakatre tao
amity efetragnone hizotro ho ao antragno; le natolone ty rene ty kolo naho hoe re:" Ingo, velo ty ananao." [24]Hoe
rampela tamy Elia:" Amizao haiko fa lahilahin'Agnahare riha, naho ty safa Yaveh ambavanao ao le mare."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 18

[1]Naho laha fa afake andro maromaro le niavy tamy Elia ty safa Yaveh, tamity tao fahatelo ty main-tane, nanao ty
hoe:" Mindehana, misehoa amy Ahaba le handefa ora amity tane raho." [2]Nindeha niseho tamy Ahaba Elia; naho
mafe ty kere tagne Samaria.[3]Ahaba nikaike Obadia, ze nita ty lampa. Naho Obadia le nagnomea hasy Yaveh
vatane, [4]ka laha fa namono reo mpaminane Yaveh Jezebela, le nangalake reo mpaminane zato naho nagnaja
iereo isan-dimampolo tao andavabato naho namaha iereo tamity mofo vaho rano ty Obadia.[5]Naho heo Ahaba
tamy Obadia:" Mindehana mitete ty tane zisikagne amity loharano vaho reo baibon-driake iaby. Fa mete hahisake
akata-maintso hameloma ty soavale vaho ty ampondra tika, mba tsy hisy ho robake ty biby hare iaby." [6]Ka
nifampizara iereo ty tane mba hindehanane amizay naho hipaiane rano. Ahaba nindeha tamity lala raike naho
Obadia nindeha tamity lala hafa.[7]Laha mboe tegne andala Obadia, le nifanoje tampoke tamy Elia re. Obadia
nahay aze ka nagnohoke ty vatane tamity tane. Hoe re ty hoe:" Riha vao toy, ry Elia tompoko?" [8]Elia namale aze
hoe:" Izaho toy. Mindehana rehafo ty tomponao ty hoe:' Ingo, ato Elia.''[9]Le namale Obadia ty hoe:" Ino ro
hadisoako, ro atolonao eo antagna Ahaba ty mpanomponao, mba hamonoane ahy? [10]Laha mboe velo kea Yaveh
Zagnaharenao, le tsy misy firene na fanjaka ze tsy nandefasa ty tompoko ndaty hipay anao. Na mbia mbia ro
misy firene na fanjaka manao ty hoe:' Tsy ato Elia, le ampanove Ahaba fifanta hifanta fa tsy nahisake anao iereo.
[11]Nefa amizao hoe riha:' Mindehana, rehafo ty tomponao fa atia Elia.'[12]Vatane vaho miala aminao raho, ty fagnahy
Yaveh hinday anao agne amity toera tsy haiko. ka laha hindeha raho naho hirehake amy Ahaba, naho laha tsy
hahisake anao re, le ho vonoene raho. Kanefa izaho, mpanomponao, le nanompo Yaveh hatramity hakeleako.
[13]Feie tsy nirehafene taminao vao, ry tompoko, ze nataoko laha fa vinono Jezebela ty mpaminane Yaveh, ty fomba
nagnajako ty mpaminane Yaveh zato ka dimampolo iaby ro tao agnate lava-bato vaho ty namahanako mofo vaho
rano iereo?[14]Amizao hoe riha amiko:" Mindehana naho rehafo ty tomponao fa eto Elia, ka le ho vonoene raho."
[15]Le namale Elia ty hoe:" Laha mboe velo kea Yaveh tompo ty maro, ze itsanganako eo agnoloane, le hiseho amy
Ahaba vatane raho androany."[16]Ka lasa Obadia nindeha mba hanente i Ahaba, naho nirehake tamine ze nirehafe
Elia. Le nindeha nifanoje tamy Elia ty mpanjaka. [17]Laha fa nahisake Elia ty Ahaba, le hoe re tamine:" Riha vao io?
Riha ty raike ze minday koronta ho ahy Israely!"[18]Le namale Elia ty hoe:" Tsy ninday koronta ho ahy Israely raho,
fa riha vaho ty fokon-draenao ro ndaty nampisy koronta tamity alala ty fialanareo tamity lily Yaveh vaho ty
fagnorihanareo i Bala. [19]Ka amizao, mandefasa rehake naho avorio eto amiko ty Israely iaby ao ambohitse
Karmela, miarake amireo mpaminane Bala 450 vaho reo mpaminane Aseraha efajato ze nihina teo andataba
Jezebela."[20]Le nandefa rehake tagne amity vahoake Israely iaby vaho namory niarake reo mpaminane tao
ambohitse Karmela ty Ahaba. [21]Naho Elia namonje ty vahoake iaby ka nanao ty hoe:" Zisike ombia riha ro hiova
hevetre zisikagne? Laha Yaveh ro Zagnahare, le magnoriha aze. Fa laha i Bala ro Zagnahare, le magnoriha aze."
Fa ty ndaty tsy namale rehake aze.[22]Le hoe ty Elia tamity vahoake hoe:" Izaho, le izaho arere avao, ro sisa
mpaminane Yaveh, nefa ty mpaminane Bala le ndaty 450. [23]Ka ao reo ro hagnomea agnombe roe ho antika. Ao
iereo hifily agnombe raike ho ahy iereo vaho handrasa zay, naho hampandre zay eo amity hetae, nefa tsy
handrehetre afo eo ambane zay. Le hikarakara ty agnombe raike hafa raho ka hametrake zay eo amity hetae,
naho tsy hagnisy afo eo ambane zay [24]Le hikaike ty agnara ty zagnaharenareo nareo, naho zaho hikaike ty agnara
Yaveh8, naho ty Zagnahare ze hamale amity afo, le ao re ro ho Zagnahare." Ka namale ty ndaty iaby naho nanao
ty hoe:" Mete zay."[25]Naho hoe ty Elia tamireo mpaminane Bala:" Mifilia agnombe raike ho anareo, naho omano
aloha zay, fa ndaty maro nareo. Le kaiho ty agnara ty Zagnaharenareo, nefa ko asia afo eo ambane ty agnombe."
[26]Le nangalake ty agnombe ze nomea aze iereo naho nikarakara zay, le nikaike ty agnara Bala zisike ty maray
zisike-pitatao-vovogna iereo, nanao ty hoe:" Ry Bala o, midranjigna anay." Nefa tsy nisy feo, na nisy namale kea.
Nandihy nagnodidy ty alitara namboarene iereo.[27]Laha mitatao-vovogna le nagnafake iereo Elia nanao ty hoe:"
Mikaiha mafe avao! fa Zagnahare re! asa mboe midineke re, na magnaiva ty vatane, na nisy lia nombane, na asa
miroro re ka tokone hofohaze." [28]Fa mboe nikaike mafe avao iero, naho nandrasa ty vatagniereo, arake ty fataone
mateteke miarake amity meso vaho lefo, zisike mandoa lio-ty vatagniereo. [29]Lasa ty mitatao-vovogna, le mboe
nisafoake avao re zisike ty andro ty fagnatetre hariva, nefa tsy nisy feo na nisy namale kea; tsy nisy nidranjy ty
fangataha iereo.[30]Le hoe Elia tamity ndaty iaby:" Magnatogna amiko eto," le nagnato aze ty ndaty iaby. Le
namboatre ty aliara Yaveh ze rava vatane re. [31]Nangalake vato roe ambgy folo Elia, ty vato kirai-kiraike aby
manoro ty raike amireo foko reo anadahy Jakoba_ty Jakoba nahavia ty safa Yaveh, nanao ty hoe:" Israely ro ho
anareo." [32]Tamireo vato reo ro nagnoregnane ty alitara tamity agnara Yaveh naho re le nandavake lavake kele
magnodidy ty alitara bey tandre voan-jaka indroe ty famaran.[33]Nandahatre ty hetae ho ahy ty afo re, nandrasa ty
agnombe, naho nametrake reo agnombe vita rasa teo amity hetae. Hoe re ty hoe:" Feno rano ty siny efatre ka
ailigno eo amity fagnatetre oroa vaho eo amity hetae." [34]Le hoe re:" Anovo fagnindroene zay. Le heo ndraike re:"

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Anovo fagnintelone zay," Le natao iereo fagnintelone. [35]Le nirarake nagnodidy ty alitara ty rano naho nameno ty
lavake kele.[36]Niseho zay tamity andro ty fagnatetre tamity soro amity hariva, naho Elia mpaminane le namonje
ka nanao ty hoe:" Ry Yaveh, Zagnahare Abrahama, vaho Isaka, naho Israely, ao ho hay eto androany fa Riha ro
Zagnahare eto amy Israely, naho zaho le mpanomponao, naho nanao zao zaka iaby zao arake ty rehanao raho.
[37]Midranjigna ahy, ry Yaveh, midranjigna ahy, mba hahaia ty ndaty toa fa Riha, Yaveh, le Zagnahare, naho Riha ro
nanolike ty arofo iereo taminao ndraike."[38]Naho ty afo Yaveh nipoke ka nandrava ty fagnatetre oroa, naho kea ty
hetae, reo vato, naho ty deboke, naho nandany ty rano ze tao amity lavake kele. [39]Laha fa nahisake zay ty ndaty
iaby, le nagnohoke ty vatane teo amity tane naho nanao ty hoe:" Yaveh, Re ro Zagnahare! Yaveh, Re ro
Zagnahare!" [40]Ka hoe Elia tamiereo:" Tsepaho reo mpaminane Bala. Ko enga hisy hilay iereo na le raike aza." Ka
tsinepake iereo, naho Elia ninday reo mpaminane Bala nizotro tagne amity baibon-driake Kisona naho namono
iereo tagne.[41]Hoe Elia tamy Ahaba:" Mitsangana, mihinana naho minoma, fa zay ty feo ty oram-bey." [42]Ka niakatre
mba hihina vaho hino Ahaba. Le niakatre teo ambone i Karmela Elia, niondreke teo amity tane re, naho
nametrake ty vatane teo agnivo ty ongone.[43]Naho hoe re tamity mpanompone:" Miakara amizao, ka magnetea
egne amity riake." Le niakatre ty mpanompone ka nagnente naho nanao ty hoe:" Tsy misy na ino ino." Ka hoe
ndraike Elia:" Mindehana ndraike, impito." 44Naho laha fagnim-pitone le hoe ty mpanompone:" Ingo, misy raho
miakatre bakamity riake, kele manahake ty tagna ty ndaty." Le namale Elia ty hoe:" Miakara ka rehafo amy
Ahaba ty hoe:' Anovo vogno ty kalesenao ka mizotroa aloha ty hitana ty ora anao"'[45]Naho tsiela avao laha niha-
mainte ty raho vaho nitioke ty lagnitse, le nisy oram-bey. Naho i Ahaba nitiketre Kalese ka niakatre nimbaeo
Jezirela, [46]fa ty tagna Yaveh le niomba Ahaba. Nisiky ty akanjone teo amity santira re naho nilay teo aloha Ahaba
teo amity filira mbaeo Jezirela.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 19

[1]Nirehafe Ahaba tamy Jezebela iaby ze natao Elia vaho ty namonoane reo mpaminane iaby tamity meso. [2]Naho
Jezebela nandefa mpinday talily tagne amy Elia, nanao ty hoe:" Hatao reo zagnahare amiko anie zay, eka
mihoatre naho zay aza, laha tsy hataoko hanahake ty arofo ty raike tamiregne mpaminane ze mate reigne ty
arofonao hamaray amity ora hoe zao." [3]Laha fa rey Elia zay, le nitsanga re ka lasa nilay namonje ty arofone naho
nimbaeo Beri-sheba, ze agne Joda, naho nengane teo ty mpanompone.[4]Fa re nindeha lala ndraike andro tagne
agnefetre, le niavy naho nitoboke teo ambane hetae kofafambohitse. Nangatake ty ho mate re, ka nanao ty hoe:"
Ampe zay, amizao, ry Yaveh; afaho ty fiaiko, satria tsy soa naho reo razambeiko raho." [5]Ka le niroro nitsilagne teo
ambane kofafambohitse re. Tampoke teo le nisy anjele nikasike aze ka nanao tamine ty hoe:" Mifohaza naho
mihinana." [6]Nanente Elia, naho teo agnila ty lohane le nisy mofo voaende raike tavoara. Naho nihina vaho nino
re ka niroro nitsilagne ndraike.[7]Niavy fagnindroene ndraike ty anjele Yaveh, ka nikasike aze naho nanao ty hoe:"
Miaregna naho mihinana, satria ho lava aminao ty lia." [8]Ka nitsanga re naho nihina vaho nino, naho nindeha
tamity here azone tamizay sakafo zay zisike ty efapolo andro vaho efapolo haleke ho agne Horeba, ty vohitse
Nagnahare.[9]Nindeha tao amity zohy raike tagne re naho nitoboke tao amizay. Le niavy tamine ty safa Yaveh naho
nanao tamine ty hoe:" Ino ro ataonao ato, ry Elia?" [10]Elia namale hoe:" Bey zotom-po ho ahy Yaveh, Zagnahare
tompo ty maro raho, satria le fa nahafoe ty fagnenkenao ty ndaty Israely, nandrava reo alitaranao, naho namono
reo mpaminanenao tamity meso. Amizao izaho, le zaho arere, ro sisa tavela naho midineke ty hifofo ty arofoko
kea iereo."[11]Yaveh namale ty hoe:" Miakara ka mitsangana eo amity vohitse eo agnoloako." Naho nandrio Yaveh,
Ka nisy tioke mafe nagnisy ty vohitse naho namaky reo vatolampy ho poteke teo agnoloa Yaveh, kanefa tsy tao
agnate ty tioke ty Yaveh. Naho tafara ty tioke, le nisy horohoron-tane niavy, kanefa tsy tao agnate ty horohoron-
tane ty Yaveh. [12]Naho tafara ty horohoron-tane le niavy ty afo, kanefa tsy tao agnate ty afo ty Yaveh. Naho tafara
ty afo, le nisy feo maleme niavy.[13]Laha fa rey Elia ty feo, le nitakonane tamity lambane ty tarehene, niakatre re,
naho nitsanga teo amity filira ty zohy. Naho nisy feo niavy tamine nanao ty hoe:" Ino ro ataonao eto, ry Elia?"
[14]Elia namale ty hoe:" Bey zotom-po ho ahy Yaveh, Zagnahare tompo ty maro raho, fa ty ndaty Israely nahafoe ty
fagnenkeako, nandrava reo alitaranao, naho namono reo mpaminanenao tamity meso. Amizao, izaho le zaho
arere, ro sisa tavela naho mikasa ty hifofo ty arofoko kea iereo."[15]Naho Yaveh nanao tamine ty hoe:" Mindehana,
miheregna amity lalanao ho agne agnefetre Damaskosy, naho laha fa avy agne riha le hagnosotre i Hazaela ho
mpanjaka Syria, [16]naho riha hagnosotre i Jeho anadahy Nimsy ho mpanjaka Israely, naho riha hagnosotre i Elisa
anadahy Safata bakagne Abela-mehola ho mpaminane hisolo ty toeranao.[17]Naho amizay le hovonoe Jeho iaby ze
tafilay tamity meso Hazaela, hovonoe Elisa iaby ze tafilay amity meso Jeho. [18]Kanefa Izaho hagnenga ndaty fito
arivo ho ahy agne Israely, reo ze nandohaleke ka tsy nihohoke tamy Bala, vaho reo vava ze tsy mboe nagnoroke
aze."[19]Ka niala teo Elia naho nahisake Elisa anadahy Safata, ze niasa niarake tamity ziogan'agnombe roe amby
folo nagnoloa aze, naho re vatane avao ro niasa niarake tamity zioga faha-roe amby folo. Nitsake mbaeo amy
Elisa Elia ka nanaro ty lambane tamine. [20]Bakeo le niala reo agnombene Elisa ka nilay nagnia i Elia; hoe re:"
Engao rie raho hagnoroke ty raeko vaho ty reneko, naho hagnorike anao raho bakeo." Le hoe Elia tamine:"
Miheregna naho, kanefa dineho ze le fa nataoko taminao."[21]Ka nihere bakagne amy Elia ty Elisa naho nangalake
ty ziogan'agnombene, namono reo biby, naho nahandro ty hena tamity hetae ziogan'agnombe. Le nomeane ty
ndaty zay ka nihina iereo. Bakeo nitsanga re, nagnorike i Elia naho nanompo aze.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 20

[1]Namory ty tafine hiharo ty Beni-hadada mpanjaka Syria. Nisy mpanjaka kele roe amby telopolo niarake tamine,
naho soavale vaho kalese. Niakatre re, nanao faherano i Samaria vaho nialy nandietse zay. [2]Nandefa irake
nimbaeo amity tana ho ahy Ahaba mpanjaka Israely re, ka nirehake tamine hoe:" Izao ro nirehafe Beni-hadada ty
hoe: [3]'Ty volafotinao vaho ty volamenanao le ahy. Reo valinao vaho ty ananao avao kea, reo soa vatane, le ahy
amizao.'"[4]Namale ty mpanjaka Israely ka nanao ty hoe:" Ho lefe arake ty rehanao zay, ry mpanjaka, tompoko.
Izaho vaho iaby ze fanagnako le anao." [5]Avy ndraike reo iarake ka nanao ty hoe:" Izaho ro rehafe Beni-hadada ty
hoe:' Nandefa rehake taminao raho fe riha le tsy maintsy hanolotre ty volafotinao, ty volamenanao, reo valinao,
naho reo ananao ho ahy. [6]Nefa hagnirake reo mpanompoko agne aminao raho hamaray amity lera hoe zao, naho
hipay ty tragnonao vaho ty tragno reo mpanomponao iereo. Hitsepake amity tagna iereo ka hangalake iaby ze tea
ty maso iereo.'"[7]Naho nikaike reo olobey ty tane iaby niarake ty mpanjaka Israely ka nanao ty hoe:" Mba raeso
antsoratre ka henteo ty fomba hipaia ty lahilahy toy ndaty. Le fa nandefa rehake tamiko re mba hangala reo
valiko, reo anako, naho ty volafotiko vaho ty volamenako, naho tsy mboe nilietse aze raho." [8]Reo olobey iaby vaho
ty vahoake iaby nirehake tamy Ahaba ty hoe:" Ko midranjy aze na magnenke ze fangatahane."[9]Le hoe Ahaba
tamireo irake Beni-hadada ty hoe:" Ambarao ty mpanjaka tompoko hoe:' Magnenke ty zaka iaby ze nagnirahanao
ty mpanomponao hatao tamity voalohane raho, kanefa tsy afake hagnenke ty fangataha faharoe toy raho.'" [10]Ka
lasa reo irake naho ninday ze valen-drehake zay teo amy Beni-hadada. Le nandefa ty valen-drehane ho ahy
Ahaba ty Beni-hadada, ka nanao ty hoe:" Enga anie reo zagnahare hanao zay amiko naho mihoatre aza, laha ho
ampe hana feno ty tana bakamity laveno Samaria reo vahoake iaby ze magnorike ahy."[11]Namale ty mpanjaka
Israely ka nanao ty hoe:"Ambarao Beni-hadada ty hoe:' Tsy misy ndaty mametrake ty fialiane, ka tokone
hirehareha ho amity nagnafahane zay.'" [12]Le naharey zay hafatre zay ty Beni-hadada laha nino re, le re vaho reo
mpanjaka ambanene ze tao agnate ty tragno iereo. Beni-hadada nandily reo lahilahine ty hoe:" Milahara ho
amity aly nareo." Le nagnoma ty vatane iereo ho amity aly iereo mba hagnisy ty tana.[13]Naho ingo, nisy
mpaminane niavy teo amy Ahaba mpanjaka Israely ka nanao ty hoe:" Hoe ty Yaveh:' Le fa hisanao vao ty tafike
bey ty? Ingo, hametrake zay eo antagnanao raho amizao, naho ho hainao vatane fa Izaho ro Yaveh.'" [14]I Ahaba
namale hoe:" Amity lalan'ia?" Le namale Yaveh ka nanao ty hoe:" Amity alala reo tanora manam-pahefa ze
manompo reom governora ty distrike." Le Ahaba nanao ty hoe:" Ia ro hanomboke ty aly?" Yaveh namale ty hoe:"
Riha." [15]Le nagnaro reo tanora manam-pahefa ze nanompo ty komandy ty isan'antokone ty Ahaba. Niisake 232
iereo. Tafara iereo le nagnaro reo miaramila iaby re; ty tafike Israely iaby; niisake fito arivo.[16]Niakatre tamity
mitatao vovogna iereo. Beni-hadada le fa baka nino naho nahamamo ty vatane tao antragnone, re vaho reo
mapanjaka kele roe amby telopolo ze nanoha aze. [17]Reo tanora manam-pahefa ze nanompo ty komandy ty isan-
tokone ro nindeha mialoha. Le nampahaie tily ze nirahe i Beni-hadada ty hoe:" Misy lahilahy miakatre bakao
Samaria."[18]Hoe Beni-hadada ty hoe:" Na tamity filamina na tamity aly ro niakara iereo, le tsepaho velo iereo." [19]Le
niakatre ty tana reo tanora manam-pahefa ze nanompo reo governora ty isan-tokone naho nagnorike iereo ty
tafike.[20]Namono ty fahavalone aby iereo ka nilay reo Syriana. Nagnia iereo ty Israely. Beni-hadada mpanjaka ty
Syria kea nilay tamity soavale niarake tamireo mpitiki-tsoavale ilane. [21]Naho nikatre ty mpanjaka Israely ka
nanafike reo soavale vaho reo kalese, naho namono reo Syriana tamity famonoam-bey.[22]Le namonje ty mpanjaka
Israely ty mpaminane ka nanao tamine ty hoe:" Mindehana, hamafeoty vatanao, ka takaro vaho omano ze
hataonao, satria amity herentao le hiakatre handietse anao ndraike ty mpanjaka Syria." [23]Reo mpanompo ty
mpanjaka Syria nirehake tamine ty hoe:" Ty zagnahare iereo le zagnahare ty tazoa. Zay ro antone nahamafe
iereo naho tika. Fa zao kea hindeha tika hialy amiereo egne amity lemake, naho ho azo antoke fa ho mafe naho
iereo tika.[24]Laha zao le zao ro tsy maintsy ataonao: afaho eo amity toera ty fahefane reo mpanjaka iaby ke solo
mpifehe miaramila iereo. [25]Mangana tafike manahake ty tafike mate teo__soavale solo ty soavale naho kalese solo
ty kalese__mba hiafahantika mialy amiereo egne amity lemake. Le ho azo antoke fa haharey naho iereo tika." Le
nidranjy ty torohetre iereo ty Beni-hadada naho nanao ze natoro iereo.[26]Tafara ty nanomboha ty taom-baovao, le
nagnaro reo Syriana ty Beni-hadada ka niakatre ho agne Afeka mba hialy amy Israely. [27]Navory reo vahoake
Israely naho nivatie mba hialy amiereo. Nitobe teo agnoloa iereo manahake ty ose kele roe toko ty vahoake
Israely, nefa reo Syriana nagneneke ty tane.[28]Le namonje ty lahilahin'Agnahare raike ka nirehake tamity
mpanjaka Israely ty hoe:" Hoe ty Yaveh hoe:' Satria reo Syriana le fa nirehake fa Yaveh le zagnahare ty tazoa, fa
tsy mba zagnahare reo baibo, le hatoboko eo antagnanao ty tafike bey toy, naho ho hainao fa zaho ro Yaveh.'"[29]Le
nitobe nifanandrife reo tafike zisike ty fito andro. Naho nanomboke ty aly tamity andro fahafito. Namono Syriana
mpandeha tomboke 100.000 ty vahoake Israely tagnate ty raike andro. [30]Ty sisa nilay tagne Afeka, tao amity tana,
naho nitonta tamireo lahilahy fito arivo vaho roe ale ze tavela ty manda. Nilay Beni-hadada ka nimbaeo amity

tana, tagnate efetragno raike.[31]Nirehake tamine reo mpanompo Beni-hadada ty hoe:" Ingo amizao, reinay fa reo
mpanjaka ty ana Israely le mpanjaka mpamindra arofo. Mba engao rie zahay hisiky lamba fandala eo amity
valahanay vaho taly eo amity lohanay, naho hiakatre ho agne amity mpanjaka Israely. Mete hamindra arofo
aminao asa re." [32]Ka nisiky lamba fandala tegne ambalahane iereo vaho taly andoha iereo naho bakeo nimbaeo
amity mpanjaka Israely ka nanao ty hoe:' Beni-hadada mpanomponao nanao ty hoe:' Mba engao rie raho ho
velo."' Hoe ty Ahaba hoe:" Mboe velo vao re? Rahalahiko re."[33]Naho nidranjy ze ho famantara bakamy Ahaba reo
lahilahy, ka namale aze malaky iereo hoe:" Eka, Beni-hadada rahalahinao le velo." Naho hoe Ahaba ty hoe:"
Mindehana naho ento re." Bakeo le niavy teo amine ty Beni-hadada, naho tafakatre tagne amy Ahaba tamity
Kalesene re. [34]Beni-hadada nirehake tamy Ahaba ty hoe:" Ahereko aminao reo tana ze nalae ty raeko tamity
raenao, naho afake manao fivarota ho anao agne Damaskosy riha, manahake ty natao ty raeko tagne Samaria."
Namale Ahaba ty hoe:" Engako hindeha miarake amity fifangnenkeam-pilongoa toy riha." Ka nanao
fifagnenkeam-pilongoa tamine ty Ahaba naho bakeo nagnenga aze hindeha.[35]Nisy lahilahy, raike amireo anadahy
reo mpaminane, nirehake tamity raike tamireo mpaminane namane tamity safa Yaveh ty hoe:" Mba asio raho."
Feie nilietse ty hagnisy aze ty lahilahy. [36]Le nirehake tamity mpaminane namane ty mpaminane ty hoe:" Satria
riha tsy nanenke ty feo Yaveh, ka laha vaho miala ahy riha, le hisy liona hamono anao." Laha vaho niala aze ty
lahilahy, le nisy liona niatsampe tamine ka namono aze.[37]Bakeo le nahisake lahilahy hafa raike ndraike ty
mpaminane naho nanao ty hoe:" Mba asio raho." Ka le nagnisy aze ty lahilahy naho nahafere aze. [38]Le niala ty
mpaminane naho niambe ty mpanjaka teo antsisin-dala; nagnova ty toerane tamity fehea teo amity masone re.
[39]Laha nandrio igne ty mpanjaka, le nikaike mafe ty mpanjaka ty mpaminane naho nanao ty hoe:" Niakatre ho
agne agnate aly mafana ty mpanomponao, naho miaramila raike ro nanaka vaho ninday fahavlo ho ahy ka
nanao ty hoe :' Henteo ty lahilahy toy. Laha tsy hisake amity fomba iaby re, le ty fiainao ro homea ho solo ty
fiaine, na laha tsy zay le handoa talenta volafoty riha.' [40]Nefa satria ty mpanomponao le mboe tavela tamity lia
tetie vaho teroa, le nilay ty miaramila fahavalo." Bakeo le nirehake tamine ty mpanjaka Israely ty hoe:" Zao ro ho
sazenao__ ty vatanao zao vatane ro le fa nanapa-kevetre zay."[41]Le nagnafake malaky ty fehea tegne amity masone
ty mpaminane, naho hay ty mpanjaka Israely fa raike tamireo mpaminane re. [42]Hoe ty mpaminane tamity
mpanjaka ty hoe:" Yaveh mirehake ty hoe:' Satria le fa nenganao hindeha bakeo antagnanao ty lahilahy ze
nililieko ho mate, le ty fiainao ro hisolo toera ty fiaine, naho ty vahoakenao ho solo ty vahoakene."' [43]Ka meloke
vaho masiake mafe ty mpanjka Israely nimbaeo antragno, naho niavy tagne Samaria.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 21

[1]Andro tsy ampe tafara atoy, nana tanem-boaloboke tao Jerizela ty Nabota Jezirelita, teo agnila ty lampa i Ahaba,
mpanjaka Samaria. [2]Nirehake tamy Nabota ty Ahaba nanao ty hoe:" Ameo ahy ty tanem-boalobokenao, mba ho
baibo legiomako zay, satria agnila ty tragnoko. Ho takalo zay, hameako tanem-boaloboke soa kea riha, na laha
teanao, le homeako vola vily zay riha.[3]Nabota namale i Ahaba ty hoe:" Ho rara Yaveh anie ze tokone lova reo
razambeiko ameko anao." [4]Ka le nindeha tao amity lampa ty tamin-keloke naho halagine ty Ahaba noho ty valen-
drehake nomea Nabota Jezerelita aze hoe:" Tsy hameako anao ty lova reo razambeiko." Niroro nitsilagne teo am-
pandreane re, nagnodidy ty tana, naho tsy nimete nihinan-kane re.[5]Jezebela valine nimbeo amine naho nanao
tamine hoe:" Nagnino ro malahelo loatre ty fonao, zay vao ro tsy hihinananao hane?" [6]Namale aze re hoe:"
Nirehake tamy Nabota Jezirelita raho naho nanao tamine ty hoe:" Ameo ahy ty tanem-boalobonao hatakalo vola,
na laha teanao le hameako tanem-boaloboke hafa ho anao riha.' Naho namale ahy re hoe:' Tsy homeako anao ty
tanem-boaloboko."' [7]Naho Jezebela valine namale aze hoe:" Fa tsy mboe mandily ty fanjaka ty Israely vao riha?
Mitsangana naho mihinana; ao ho fale ty fonao. Halaeko ho anao ty tanem-boalobok'i Nabota Jezirelita."[8]Naho
Jezebela nanoratre taratasy amity agnara i Ahaba, tinombone tamity tomo-kasene zay, naho nalefane tagne
amireo olobey vaho reo mpagnarivo ze nitoboke niarake tamine tao amity figaogna, naho reo ze nitoboke agnila i
Nabota zay. [9]Sinorane tao amity taratasy ty hoe:" Magnambara fifalian-kane naho atoboho ambone ty vahoake
Nabota. [10]Mametraha vao kea ndaty tsy mare roe miarake amine ka ao iereo hita aze hoe:' Nagnozo an'Agnahare
vaho ty mpanjaka riha."' Naho akaro re ka toraho vato ho mate.[11]Ka nanao ze finary Jezebela tamiereo, arake ty
voasoratre ao amity taratasy ze nalefane ho ahy iereo ty lahilahy ty tana, reo olobey vaho ty mpagnarivo ze
nitoboke tao amity tana Nabota. [12]Nagnambara fifalian-kane vaho nametrake i Nabota teo ambone ty vahoake
iereo. [13]Nilitse reo lahilahy tsy mare roe naho nitoboke teo agnoloa Nabota; nita i Nabota teo amity fagnatrehane
ty vahoake iereo, ka nanao ty hoe:" Nagnozo an'Agnahare vaho ty mpanjaka Nabota." Naho le niente iereo
niakatre ty tana re ka tinora-bato ho mate. [14]Bakeo reo olobey le nandefa rehake tagne amy Jezebela nanao ty
hoe:" Tinora-bato ty Nabota ka mate."[15]Naho laha fa rey Jezebela fa tinora-bato ty Nabota ka mate, le hoe rta tamy
Ahaba:" Mitsangana naho alao ho fanagna ty tanem-boalobok'i Nabota Jezirelita, ze nilietse ty hagnomea anao ty
vola ho viline, satria le fa tsy velo sase ty Nabota, fa le fa mate." [16]Laha fa rey Ahaba fa mate Nabota, le nitsanga re
naho nizotro tagne amity tanem-boalobok'i Nabota Jezirelita naho nangalake zay ho fanagna.[17]Naho niavy tamy
Elia Tisbita ty safa Yaveh manao ty hoe: [18]"Mitsangana naho mindehana mifanoje amy Ahaba mpanjaka Israely,
ze mitoboke agne Samaria. Ao amity tanem-boalobok'i Nabota re, agne amize nindehanane mba halaene ho
fanagna.[19]Tsy maintsy mirehake amine riha naho ambarao hoe zao ro safa Yaveh:' Sady le fa namono vao riha ro
mboe nanagalake ho fanagnanao avao kea?' Naho horehafenao aze hoe zao ro safa Yaveh:" Eo amity toera ze
nitsela ty amboa ty lio Nabota, ro hitselafa ty amboa ty lionao kea, egne, ty lionao."' [20]Hoe ty Ahaba tamy Elia:" Le
fa nahisake ahy vao riha, ry fahavaloko?" le namale ty Elia hoe:' Le fa hisako riha, satria le fa nivarotre ty
vatanao mba hanao ze raty eo amaso Yaveh riha.[21]Zao ro safa Yaveh aminao:' Ingo, hinday loza eo aminao vaho
hanimba vatane naho handany eo aminao ty anake lahy iaby vaho ty ndevo naho ty lahilahy afake ao Israely
raho. [22]Hataoko manahake ty foko Jeroboama anadahy Nebata ty fokonao, naho manahake ty foko i Basa anadahy
Ahia, satria nipay ahy tamity heloke naho ninday i Israely hanonta riha.'[23]Yaveh avao kea le nirehake momba
Jezebela ty hoe:' Hihina Jezebela eo agnila ty manda i Jezirela ty amboa.' [24]Zay ahy Ahaba iaby ka mate tao
antana, le hohane ty amboa; naho reo voro egne amity lagnitse hihina reo iaby ze mate egne ambaibo."[25]Tsy nisy
ndaty manahake i Ahaba, ze nivarotre ty vatane mba hanao ze raty eo amaso Yaveh, ze narisy Jezebela valine
hanonta. [26]Nanao asa raty ho ahy ty sampe orihene Ahaba, manahake iaby ze le fa natao reo Hamorita, reo ze
nafaha Yaveh teo agnoloa ty ndaty Israely.[27]Laha fa rey Ahaba reo rehake reo, le nandriatre ty akanjone re naho
nanao akanjo fanadala ka nifaly hane, naho niroro tamity akanjo fandala vaho tena nalahelo mafe. [28]Naho niavy
tamy Elia Tisbita ty safa Yaveh ty hoe: [29]"Hisanao vao ty hatsotra Ahaba eto agnoloako? Satria tsy mieboebo eto
agnoloako re, le tsy hinday ty loza le fa ho avy amireo androne raho; amity andro ty anadahine ro hindaisako
loza eo amity fokone."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 22

1Zisike ty telo tao lasa le tsy nisy aly teo amy Arama vaho Israely. 2Naho tamity tao fahatelo, le nizotro tagne amity
mpanjaka Israely ty Josafata mpanjaka Joda.3Naho ty mpanjaka Israely le fa nirehake tamity mpanompone hoe:"
Mba hainao vao fa Ramota-gileada le antika, feie tsy manao na ino ino tika mba hangala zay eo antana ty
mpanjaka Arama?" 4Le hoe re tamy Josafata:" Hiraike amiko hialy agne Ramota-gileada vao riha?" Josafata
namale ty mpanjaka Israely hoe:" Izaho le manahake anao, ty vahoakeko le manahake ty vahoakenao, naho reo
soavaleko le manahake reo soavalenao."5Hoe ty Josafata tamity mpanjaka Israely hoe:" Mipaia rie tari-dala
bakamity safa Yaveh ty amize tokone hataonao voalohane." 6Le namory reo mpaminane niarake ty mpanjaka
Israely, lahilahy efajato, naho rehafo iereo hoe:" Tokone ho agne Ramota-gileada vao raho mba hialy, sa tsy
tokone?" Le hoe iereo ty hoe:" Manafiha, fa ty tompo hagnomea zay ho eo antagna ty mpanjaka."7Fa hoe ty
Josafata hoe:" Tsy misy mpaminane Nagnahare hafa ze mete hahazoantika hevetre sase vao eto?" 8Le hoe ty
mpanjaka Israely tamy Josafata ty hoe:" Mboe misy lahilahy raike ze mete hahazoantika hevetre bakamy Yaveh
mba ho fagnampea, Mikaia anadahy Jimia, feie hejeko re satria tsy mba maminane zaka soa mikasike ahy, fa loza
avao." Fa hoe ty Josafata ty hoe:" Tsy hirehake zay anie ty mpanjaka." 9Le nikaike manam-pahefa raike ty
mpanjaka Israely naho nagnomea baiko ty hoe:" Ento atoy Mikaia anadahy Imla, amizao."10Naho Ahaba
mpanjaka Israely vaho i Josafata mpanjaka Joda le sambe nitoboke tamity sezan-droandriane aby, niakanjo ty
akanjo iereo, teo amity toera malalake teo amity filira ty vavahady Samaria, naho reo mpaminane iaby le
naminane teo aloha iereo. 11Zedekia anadahy Kenana vatane le nanao tsifa vy naho nanao ty hoe:" Zao ro voalaza
Yaveh:' Amireto ro hitotoanao ty Syriana zisike ty hiravane."' 12Naho ty mpaminane iaby naminane nitovy, nanao
ty hoe:" Tafiho Rmota-gileada ka mahazoa faharesea, fa Yaveh le fa nanolotre aze ho eo antagna ty
mpanjaka."13Ty mpinday talily ze nindeha nikaike Mikaia nirehake tamine, nanao ty hoe:" Ingo amizao, ty safa
reo mpaminane le magnambara zaka soa ho ahy ty mpanjaka tamity vava raike. Ao rie ty rehanao mba hanahake
ty raike amireo naho mirehake zaka soa." 14Le namale Mikaia ty hoe:" Laha mboe velo kea ty Yaveh, le ze rehafe
Yaveh amiko ro ho rehafeko." 15Laha fa niavy teo amity mpanjaka re, le hoe ty mpanjaka tamine hoe:" Ry Mikaia,
tokone hindeha hialy agne Ramota-Gileada vao zahay, sa tsy zay?" Mikaia namale aze hoe:" Manafiha ka
maharesea. Hanolotre aze ho eo antagna ty mpanjaka ty Yaveh."16Naho hoe ty mpanjaka tamine hoe:" Impire moa
raho ro nipay anao hifanta mba tsy hirehake na ino ino amiko amity agnara Yaveh laha tsy ty mare avao?" 17Le
hoe ty Mikaia hoe:" Hisako niele tegne ambohitse ty Israely iaby, manahake ty agnondry tsy misy mpiarake, naho
Yaveh nanao ty hoe:' Tsy mana mpiarake reo. Ao ty lahilahy kirai-kiraike holy soa aman-tsara agne
antragnone."'18Le hoa ty mpanjaka Israely tamy Josafata ty hoe:" Tsy le fa nirehake taminao vao raho fa tsy mete
maminane zaka soa mikasike ahy re, fa loza avao?" 19Le hoe Mikaia hoe:" Noho zay dranogno ty safa Yaveh:
nahisake Yaveh nitoboke teo amity sezan-droandriane raho, naho reo miaramila ty lagnitse iaby le nitsanga teo
agnilane teo ankavanane vaho teo ankaviane. 20Hoe ty Yaveh:" Ia ro hitao Ahaba, mba hiakatre re ka ho lavo agne
Ramota-gileada?' Ty raike tamiereo nirehake zao naho ty raike hafa nirehake zao.21Bakeo le nisy fagnahy raike
nagnato, nitsanga teo agnoloa Yaveh, ka nanao ty hoe:' Izaho ro hitao aze.' Le hoe Yaveh tamine:' Amity fomba
akore?' 22Le namale ty fagnahy hoe:' Hiakatre raho naho ho fagnahy mavande eo ambava reo mpaminane iaby.'
Yaveh namale ty hoe:' Hahatao aze riha, naho ho mete avao kea. Ka mindehana naho anovo zay.' 23Le ingo, Yaveh
nametrake fagnahy mavande teo ambava reo mpaminanenao iaby reo, naho Yaveh le fa nagnombara loza ho
anao."24Naho Zedekia anadahy Kenana, niakatre, namofoke ty fify Mikaia, sady nanao ty hoe:" Taia ro lala ty
fagnahy Yaveh niala tamiko mba hirehake aminao?" 25Le hoe ty Mikaia hoe:" Ingo, ho hainao zay amizao andro
zao, laha fa militse ty efetre agnatene mba hihaja riha."26Hoe ty mpanjaka Israely tamity mpanompone hoe:"
Tsepaho Mikaia naho ento agne amy Amona, ty governora ty tana, naho agne amy Joasy,anadahiko. 27Ambarao re
ty hoe:' Ampiliro ampoja ty lahilahy toy hoe ty mpanjaka, naho fahano mofo kele vaho rano kele avao re, zisike
hiaviako soa aman-tsara. 28Naho hoe Mikaia ty hoe:" Laha tahie ka tafimpoly soa aman-tsara riha, le tsy
nampirehafe Yaveh raho tsy akore." Naho nampeane ty hoe:" Dranjigno zay, ry vahoake iaby."29Le niakatre ho
agne Ramota-gileada ty Ahaba, mpanjaka Israely, vaho Josafata, mpanjaka Joda. 30Ty mpanjaka Israely nirehake
tamy Josafata hoe:" hanao sare ndaty hafa raho naho hitsoboke ao agnate aly, fa riha kea hanao ty akanjo ty
mpanjaka avao." Le nanao kisare ndaty hafa ty mpanjaka Israely ka nitsoboke tagne agnate aly.31Le nandily ty
Kapitene ty kalese roe amby telopolo ty mpanjaka Syria, nanao ty hoe:" Ko manafike ty miaramila kele na ty bey.
Fa ty mpanjaka Israely avao ro tafiho." 32Naho laha fa nahisake Josafata reo kapitene ty kalese le nanao ty hoe:"
Igne vatane ro mpanjaka Israely." Nihodike iereo mba hagnisy aze, ka nikaike mafe ty Josafata. 33Naho laha fa
hisa reo mpifehe ty kalese fa tsy igne rompanjaka Israely, le nihere tamity fagniagnane aze iereo.34Fa nisy
lahilahy raike nandefa ty folesene avao naho nahavoa ty mpanjaka Israely teo agnivo ty fiaro tratrane. Naho

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Ahaba nirehake tamity mpinday ty kalesene ty hoe:" Mihodigna ka ento miakatre ty aly raho, fa nafere mafe
raho."[35]Nihamafe ty aly tamize andro zay naho ty mpanjaka le tinoha hitsanga tao amity kalesene nagnoloa ty
Syriana. Mate re naho ty hariva. Nipiniake bakeo amity rantra ka zisike amity voly ty kalese ty lio. [36]Naho laha le
fa hotsofotre ty andro, le nisy kaike mafe nagnera ty tafike, nanao ty hoe:" Sambe moly agne amity tanane aby ty
lahilahy iaby; naho sambe moly agne amity faritanene aby ty lahilahy iaby!"[37]Le mate ty Ahaba mpanjaka naho
niente tagne Samaria, ka naleve iereo tao Samaria re. [38]Sinasa iereo teo amity rano Samaria ty kelese, naho
tsinela ty amboa ty lio(teo ro fiandroa reo ampela janga), arake ze le fa natalily ty safa Yaveh.[39]Naho ty zaka hafa
mikasike i Ahaba, vaho iaby ze nataone, ty tragno ivory ze naorene, naho reo tana iaby ze naorene, feie vao tsy le
fa voasoratre ao amity boke ty tantara ty mpanjaka Israely reo? [40]Naho nimate tagne amireo razambeine ty
Ahaba, ka i Ahazia anadahine ro lasa mpanjaka nisolo ty toerane.[41]Naho Josafata anadahy Asa nanomboke
nanjaka nagnera i Joda tamity tao faha-efatre nanjaka i Ahaba mpanjaka Israely. [42]Dime amby telopolo tao ty
Josafata ro nanomboke nanjaka, naho nanjaka tao Jerosalema zisike ty dime amby roapolo tao re. Azoba ro
agnaran-drenene, ty anak'ampela i Sily.[43]Nagnorike ty fomba Asa raene re; tsy niala tamireo re; nanao ze mare
teo amaso Yaveh re. Kanefa ty toera abo le tsy mba rinava. Fa ty vahoake mboe nanao soro vaho nagnoro liten-
ketae magnitse teo amireo toera abo avao. [44]Naho i Josafata nilongo tamity mpanjaka Israely.[45]Naho ty zaka hafa
mikasike i Josafata, vaho ty here ze nasehone, naho ty fomba nialiane, feie vao reo tsy le fa voasoratre ao agnate
ty boke ty tantara ty mpanjaka Joda? [46]Nafahane teo amity tane reo sisa tavela tamity ndaty nanolo-bata
hitsangatsanga ho fanompoan-tsampe ze mboe tamity andro Asa raene. [47]Tsy nisy mpanjaka tao Edoma, fa ndaty
voatendre ro nitondra tao.[48]Josafata nanao sambo fitaona andriake; nindeha nimbaeo Ofira iereo hangalake
volamena, kanefa tsy lasa satria nisimba tao Ezio-gebera reo sambo. [49]Le hoe Ahazia anadahy Ahaba tamy
Josafata hoe:" Ao mba hiarake hiantsambo amity mpanomponao ty mpanompoko." Fa i Josafata tsy nagnenke zay.
[50]Nimate tagne amireo razambeine Josafata naho naleve niarake tamiereo tao antana Davida, razambeine; naho
Jerohama anadahine ro lasa mpanjaka nisolo ty toerane.[51]Ahazia anadahy Ahaba le nanomboke nanjaka nagnera
Israely tagne Samaria tamity tao faha-fito amby folo nanjaka Josafata mpanjaka Joda, naho nanjaka roe tao teo
amy Israely re. [52]Nanao ze raty teo amaso Yaveh re naho nagnorike ty fomba ty raene, tamity fomba ty renene,
naho tamity fomba Jeroboama anadahy Nebata, ze nitarihane ty Israely hanonta. [53]Nanompo i Bala vaho
nivavake tamine re naho nanao ze nahameloke Yaveh, ty Zagnahare Israely, manahake ty le fa nataon-draene
avao.

# 2 Kings

## Chapter 1

[1]Tafara ty nahafate i Ahaba le navande handietse Israely ty Moaba. [2]Le nikarapoke teo amity makarakara tao
amity efetragno ambone tao Samaria ty Ahazia, naho nifere. ka nalefane reo mpinday ty taliline naho hoe re
tamiereo ty hoe:" Mindehana, magnontanea i Bela-zeboba, zagnahare i Ekrona, laha ho sintra amity fereko toy
raho."[3]Fa ty anjele Yaveh nirehake tamy Elia Tisbita hoe:" Mindena, miakara hifanoje amireo mpinday ty talily ty
mpanjaka i Samaria, naho agnontaneo amiereo ty hoe:' Satria vao tsy misy Zagnahare ao Israely ro hindeha
hangalake hevetre agne amy Bala-zeboba, zagnahare i Ekrona riha? [4]Laha zao le hoe ty Yaveh:" Tsy hizotro bakeo
amity fandreanao ze le fa niakaranao riha; fa kea, ho mate vatane riha.""Bakeo le lasa ty Elia.[5]Laha fa nihere
tagne amy Ahazia reo mpinday talily, le hoe re tamiereo hoe:" Fa nagnino ro nihere nareo?" [6]Hoe iereo tamine:"
Nisy lahilahy raike nifanije taminay nanao ty hoe:' Miheregna agne amity mpanjaka ze nandefa anareo, naho
ambarao aze ty hoe:" Ezao ty safa Yaveh:' Satria vao tsy misy Zagnahare ao Israely ro nandefa ty ndatinao
hangalake hevetre agne amy Bala-zeboba, zagnahare Ekrona riha? Ka laha zao le tsy hizotro bakeo amity
fandreanao ze le fa niakaranao riha; fa kea, ho mate vatane riha."'"[7]Ahazia nirehake tamireo mpandefa ty taliline
hoe:" Lahilahy manahake ty akore, ze ndaty nifanoje taminareo naho nirehake reo rehake reo zay?" [8]Iereo
namale aze hoe:" Nignisy akanjo vita amity volo re naho santira holitse teo amity vaniane." Naho ty mpanajka
namale ty hoe:" Elia Tisbita zay."[9]Naho nandefa kapitene miarake amity miaramila dimampolo ho agne amy Elia
ty mpanjaka. Niakatre tagne amy Elia ze nitoboke tagne ambone tazoa ty kapitene. Hoe ty kapitene tamine hoe:"
Riha, ry lahilahin'Agnahare, nilaza ty mpanjaka ty hoe:' Mizotroa."' [10]Elia namale naho nanao tamity kapitene ty
hoe:" Laha lahilahin'Agnahare raho, ao hipoke bakegne amity lagnitse ty afo naho handrava anao vaho reo
dimampolo lahinao." Le nipoke bakegne amity lagnitse ty afo naho nandrava aze vaho reo dimampolo lahine.
[11]Nandefa kapitene hafa ndraike niarake tamireo miaramila dimampolo ho agne amy Elia ty Ahazia mpanjaka.
Hoe kea ze kapitene zay tamy Elia hoe:" Riha, ry lahilahin'Agnahare, nirehake ty mpanjaka ty hoe:' Mizotroa
malaky."' [12]Elia namale naho nanao tamiereo hoe:" Laha lahilahin'Agnahare raho, ao hipoke bakegne amity


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

lagnitse ty afo naho handrava anao vaho reo dimampolo lahinao." Le nipoke bakegne amity lagnitse nadraike ty
afon'Agnahare naho nandrava aze vaho reo dimampolo lahine.[13]Mboe nandefa vondro mpialy dimampolo
fagnintelone nadraike ty mpanjaka. Niakatre io kapitene eo, nandohaleke teo agnoloa Elia re, naho nangatake
aze vaho nanao tamine hoe:" Riha, ry lahilahin'Agnahare, mangatake aminao raho, ao ho sarotre eo amasonao ty
fiaiko vaho ty fiay toa mpanomponao dimampolo toa. [14]Eka mare, nipoke bakegne amity lagnitse ty afo naho
nandrava reo kapitene roe voalohane naho ty lahilahine, fa amizao ao ho sarotre eo amasonao ty fiaiko."[15]Naho
ty anjely Yaveh nanao tamy Elia hoe:" Mizotroa miarake amine. Ko matahotre aze." Ka nitsanga Elia naho nizotro
niarake tamine ho agne amity mpanjaka. [16]Tafara kele zay le hoe Elia tamy Ahazia ty Hoe:" Zaho ro nirehafe
Yaveh:' Le fa nandefa mpinday talily hangalake hevetre tagne amy Bala-zeboba, zagnahare Ekrona riha. Satria
vao tsy misy Zagnahare ao Israely ze afake agnatahanao famantara? Ka amizao, tsy hizotro bakeo amity fandrea
ze niakaranao riha; fa ho mate vatane riha."'[17]Le mate arake ty reha Yaveh ze nirehafe Elia ty Ahazia mpanjaka.
Jorama ro nanomboke nanjaka teo amity toerane, tamity tao faharoe nanjaka i Jehorama anagn'i Josafata
mpanjaka i Joda, satria tsy nana-gnanake ty Ahazia. [18]Naho ty amireo zaka hafa mikasike i Ahazia, feie tsy le fa
voasoratre ao amity boke ty tantara ty mpanjaka Israely vao zay?


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

1Naho laha fa hindeha hagnakatre Elia tamity tafio-tioke ho agne andagnitse ty Yaveh, le niala tao Gilgala niarake
tamy Elisa ty Elia. 2Hoe ty Elia tamy Elisa:" Mba mijanogna rie eto, satria le fa nagnirake ahy ho agne Betela ty
Yaveh." Namle Elisa ty hoe:" Laha mboe valo kea ty Yaveh, naho laha mboe valo kea riha, le tsy hiala anao raho."
Le nizotro tange Betela iereo.3Nimbaeo amy Elisa reo ana ty mpaminane ze tagne Betela nirehake tamine hoe:"
Hainao vao fa hangalake ty tomponao aminao ty Yaveh androany?" Namale Elisa ty hoe:" Eka, haiko zay, fa ko
mirehake momba zay." 4Hoe ty Elia tamine:" Elisa, mba mandignesa eto rie, satria le fa nagnirake ahy ho agne
Jeriko ty Yaveh." Le namale Elisa ty hoe:" Laha mboe velo kea ty Yaveh, naho laha mboe valo kea riha, le tsy hiala
anao raho." Le nindeha tagne Jeriko iereo.5Le nimbaeo amy Elisa reo ana ty mpaminane ze tagne Jeriko naho
nanao tamine ty hoe:" Hainao vao fa hangalake ty tomponao aminao ty Yaveh androany?" Le namale Elisa ty
hoe:" Eka, haiko zay, fa ko mirehake momba zay." 6Le hoe ty Elia tamine:" Mba mijanogna rie, fa Yaveh le fa
nagnirake ahy ho agne Jordana." Namale Elisa hoe:" Laha mboe velo kea Yaveh, naho laha mboe velo kea riha, le
tsy hiala anao raho." Le nindeha iereo roe.7Tafara kele atoy, nisy dimampolo tamireo ana ty mpaminane nitsanga
niafagnatreke tamiereo tegne lavitre laha nitsanga teo amoro Jordana iereo roe. 8Nalae Elia ty lambane,
nahorongorone, naho finofone tamizay ty rano. Nizara tamity lefine roe ty renerano ka nindeha tamity tane
maike iereo roe.9Naho laha fa niavy nitsake iereo, le hoe Elia tamy Elisa:" Angataho amiko ze tokone hataoko ho
anao aloha ty hangala ahy aminao." Namale Elisa ty hoe:" Ao rie mba ho avy amiko ty abo roe hene ty anjara
fagnahinao." 10Namale Elia hoe:" Le fa nangatake zaka sarotre riha. Na zay aza, laha hisanao raho laha fa alae
aminao, le hiseho aminao zay, fa laha tsy zay, le tsy hiseho zay."11Laha mboe nindeha vaho nirehake iereo, ingo,
nisy kalese afo vaho soavale afo niseho, ze nanarake aze roe lahy, naho niakatre tamity tafio- tioke tagne
andagnitse ty Elia. 12Nahisake zay ty Elisa ka nikorake mafe ty hoe:" Raeko o, raeko o, reo kalese Israely vaho reo
mpitikitse aze!:" Tsy hisane sase Elia, ka nitanane reo akanjone naho nitriatene roe reo.13Nalaene ty lamba Elia ze
latsake bakegne amine, naho nihere mba hijoro teo amoro Jordana re. 14Finofone tamity lamba Elia ze tavela ty
rano naho hoe re:" Aia ty Yaveh, Zagnahare Elia?" Laha fa namofoke ty rano re, le nizara teo amity lafine roe reo
ka nitsake ty Elisa.15Laha fa hisa reo ana ty mpaminane ze bakagne Jeriko teo agnila iereo re, le hoe iereo:"
Mitoboke ao amy Elisa ty fagnahy Elia!" Le avy mba hanalaka aze iereo, naho nihohoke tamity tane teo
agnoloane. 16Hoe iereo tamine:" Ingo amizao, misy lahilahy mahere dimampolo eo amireo mpanomponao. Engao
iereo hindeha, mangatake zahay, mba hipay ty tomponao, tsy ne nakare vaho natorane ty fagnahy Yaveh agne
amity vohitse na agne amity baibo re." Namale Elisa ty hoe:" Aha, ko magnirake iereo."17Nefa laha fa nandrisike
Elisa zisike hahamegnatre aze iereo, le hoe re:" Iraho iereo." Le nagnirake lahilahy dimampolo iereo, naho nipay
zisike ty telo andro iereo, kanefa tsy nahisake aze. 18Nihere tagne amy Elisa iereo, laha nitoboke tao Jeriko re, le
hoe re tamiereo:" Tsy nirehake taminareo vao raho ty hoe:' Ko mindeha'?"19Reo ndaty ty tana nirehake tamy Elisa
hoe:" Ingo, miangavy anao zahay, ty zaka-misy eto amity tana toy le mahafale, arake ze hisa ty tompoko zao, nefa
raty ty rano naho tsy mamokatre ty tane." 20Namle Elisa ty hoe:" Andeso finga vaovao raho ke asio sira ao
agnatene," le ninday zay teo amine iereo.21Niakatre mbaeo amity loharano Elisa naho nanorake sira tao agnate
zay; le hoe re ty hoe:" Ezao ro safa Yaveh:' Le fa nagnafake reo rano reo raho. Manomboke amizao nadro zao, le
tsy hisy fate na tane tsy hamokatre sase."' 22Ka le sintra reo rano zisikezao, tamity alala ty rehake ze natao i Elisa.
23Le niakatre bakao ho agne Betela Elisa. Laha fa niakatre ty lalane re, le nisy ajalahy niakatre ty tana naho
nagnamaiva aze; hoe iereo tamine:" Miakara, riha ry solaloha! Miakara, riha ry solaloha!" 24Nanente tagne
afarane Elisa naho nahisake iereo; nikaike i Yaveh re mba hagnozo iereo. Le nisy beravave roe amby efepolo
tamireo ajalahy. 25Le niala teo ho agne ambohitse Karmela ty Elisa, naho bakeo ro niheregnane ho agne Samaria.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Tamity tao fahavalo ambifolo najaka i Josafata mpanjaka i Joda, ro nanomboke nanjaka teo amy Israely tao
Samaria i Jorama anadahign'i Ahaba; nanjaka zisike ty roe ambifolo tao re. [2]Nanao ty raty teo amaso Yaveh re, fa
tsy manahake ty raene vaho ty renene; fa nafahane ty tsangam-bato masy agne Bala ze namboare ty raene. [3]Na
zay aza le nita reo hadisoa i Jeroboama anadahign'i Nebata re, ze nampanota Israely, tsy nivio tamizay re.[4]Naho i
Mesa mpanjaka i Moaba le nihare agnondry. Tsy maintsy nagnomea anak'agnondry 100.000 vaho volon'agnondry
lahy 100.000 ho ahy ty mpanjaka Israely re. [5]Fa tafara ty nahafate i Ahaba, le navande nandietse ty mpanjaka
Israely ty mpanjaka i Moaba. [6]Naho niala i Samaria ty Jorama mpanjaka tamize andro zay mba hitao ty Israely
iaby ho amity aly.[7]Nandefa hafatre tamy Josafata mpanjaka i Joda re, nanao ty hoe:" Le fa navande handietse ahy
ty mpanjaka i Moaba. Hindeha hiarake amiko hifanao amy Moaba vao riha?" Namle ty Josafata hoe:" Hindeha
raho, manahake anao avao raho, ty ndatiko le manahake ty ndatinao, reo soavaleko le manahake reo
soavalenao." [8]Naho nirehake re bakeo hoe:" Amity lala aia ro tokone hanafihantika?" Namale i Josafata hoe:"
Amity lala mamaky ty efetre Edoma."[9]Ka nindeha nihodidy zisike ty fito andro reo mpanjaka Israely, Joda, naho
Edoma. Tsy nahisaha rano ho ahy ty tafike iereo, na ho ahy reo soavalene vaho reo biby hafa. [10]Ka nirehake ty
mpanjaka Israely ty hoe:" Fa ino toy? Feie vao nikaike mpanjaka telo hatolotre ho eo antagna i Moaba ty
Yaveh?"[11]Kanefa nirehake ty Josafata ty hoe:" Tsy misy mpaminane Yaveh vao eto, mba hangalantika torohevetre
amy Yaveh amity alalane?" Naho namale ty raike tamity mpanompo ty mpanjaka i Israely nanao ty hoe:" Eto ty
Elisa anadahign'i Safata, ze nandrarake rano teo an-tanagna Elia." [12]Hoe ty Josafata:" Momba aze ty safa Yaveh."
Ka nizotro nimbaeo amine, ty Josafata, mpanjaka Israely, naho ty mpanjaka i Edoma.[13]Hoe Elisa tamity mpanjaka
Israely:" Mpino moa raho vaho riha? Mindehana mbaeo amireo mpaminany ty raenao vaho renenao." Ka
nirehake tamine ty mpanjaka Isarely hoe:" Aha, satria Yaveh nikaike toa mpanjaka telo toa niarake mba
hanolotre aze ho eo antagna Moaba." [14]Namale ty Elisa:" Laha mboe valo kea Yaveh tompo ty maro, ze eo
agnoloane ro hitsanganako, laha tsy naho ty fagnajako ty fiatreha Josafata mpanjaka Joda, le tsy nidranjy anao
raho, na nanente anao kea.[15]Fa amizao andaiso mpitendre zaka-magneno raho." Naho laha fa nitendre ty
mpitendre lokanga, le niavy teo amy Elisa ty tagna Yaveh. [16]Nirehake re ty hoe:" Ezao ro natalily Yaveh, Asio
lavake kele eo ambaibon-driake maike eo.' [17]Fa hoe ty Yaveh:' Tsy hahisake tioke riha, na ora, fa ho dobo-drano io
baibon-driake eo, naho hino nareo, nareo vaho ty biby harenareo vaho ty bibinareo iaby.'[18]Zay le zaka mora eo
amaso Yaveh. Hagnomea anareo faharesea eo amireo Moabita avao kea re. [19]Hanafike ty tana voaaro mafe vaho
tana soa iaby nareo, hanampake ty hetae soa iaby, hanaka ty loharano iaby, naho handrava reo tane soa iaby
amity vato."[20]Ka tamity maray nagnodidy ty andro fagnomea ty soro, le nisy rano nily bakagne Edoma; dobo-
drano ty tane.[21]Naho laha naharey reo Moabita iaby fa avy hialy amine reo mpanjaka, le nivory raike iereo, reo
iaby afake nanao akanjo fiaro, ka nitsanga teo amity sisin-tane iereo. [22]Nifoha maray iereo naho ty masoandro
nitaratre teo amity rano. Laha nahisake ty rano teo andafe reo Moabita, le niloko mena manahake ty lio zay.
[23]Nikorake mafe iereo ty hoe:" Lio io! Tena rava vatane reo mpanjaka, naho nifamono iereo! Amizao naho, ry
Moaba, ndao tika handrava iereo!"[24]Laha nimbaeo amity tobe Israely iereo, nanampoke reo Israelita iereo ka
nanafike reo Moabita, ze nilay teo agnoloane. Tinary ty tafike Israely nagnera ty tane reo Moabita, le nivonoene
iereo. [25]Nipotehene reo tana, naho ty habein-tane soa iaby le nasia ty lahilahy vato iaby zisike feno. Nitampena
iereo ty loharano iaby, tinampa iereo ty hetae soa iaby. Naho Kira-haresa sisa ro tavela tsy nihetreke ty vatone. Fa
nihodidigne reo miaramila mpita pilatse zay naho tinafine.[26]Laha nihisa i Mesa mpanjaka Moaba fa rese agnaly
re, le nangalake mpita-meso fitonjato niarake tamine re hanafike ty mpanjaka i Edoma, kanefa tsy nisoa iereo.
[27]Le nalaene ty anane lahy voalohane ze tokone nanjaka nisolo aze, naho natolone ho fagnatetre oroa teo ambone
ty manda re. Ka nisy heloke bey nahazo i Israely, le niala i Mesa mpanjaka ty tafike ty Israelita ka noly tagne
amity tanene.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 4

[1]Naho ty valy ty raike tamireo ana ty mpaminane niavy nitagny tamy Elisa, nanao ty hoe:" Mate ty valiko ty
mpanomponao, naho hainao fa ty mpanomponao le natahotre Yaveh. Amizao ty mpampindram-bola le avy
hangalake reo anako roe mba ho mpanompone." [2]Ka hoe ty Elisa tamine:" Ino ro azoko atao ho anao? Ambarao
ahy ino aby ro fanagnanao antragnonao ao?" Naho hoe re:" Tsy mana na ino ino laha-tsy diloilo raike tavoara ty
mpanomponao antragno ao."[3]Naho hoe Elisa:" Mindehana mindra siny agne amireo mpiraike mone aminao, siny
tsy misy na ino ino." Fara ze maro hindrame. [4]Bakeo le tsy maintsy militre ao agnatene riha naho mirindrim-
baravara ao riha vaho reo ananao lahy, naho mandraraha diloilo ao amity siny iaby; naho atokano reo siny ze
feno."[5]Ka niala Elisa re naho nirindrim-baravara re vaho reo anane lahy. Niente iereo tamine ao reo siny, ka
finenone diloilo reo. [6]Laha fa feno ty siny, le hoe re tamireo anane:" Andeso siny hafa raho." Fa hoe ty anane
tamine:" Tsy misy siny sase." Le tsy nirarake sase ty diloilo.[7]Naho avy re ka nirehake tamity lahilahin'Agnahare.
Hoe re ty hoe:" Mindehana, avilio ty diloilo; aloavo ty trosanao, naho ivelomo miarake amireo ananao lahy ty
sisane."[8]Ndraike andro ty Elisa nindeha tagne Sonema agne amize hitoboha ty ampela manan-danja raike;
tinaone hiraike sakafo amine re. Naho isake ty handrio re, le hijano ka hisakafo ao. [9]Hoe ty ampela tamity
valine:" Ingo, mahatsapa raho amizao fa re le lahilahy masin'Agnahare ze mandrio zisikagne.[10]Ndao tika hanao
efetre kele ambone riha ho ahy Elisa, ka hasiantika fandrea agnatene ao, latabatre, seza, naho jiro. Ka laha fa avy
eto amintika re, le hijano eto." 11Naho avy ndraike ty andro le nijano tao ty Elisa, nitoboke tao amity efetre re
naho nangalake harerake tao.[12]Hoe ty Elisa tamy Gehazy ty mpanompone:" Kaiho io Sonemita ao." Laha fa baka
nikaike aze re, le nitsanga teo agnoloane. [13]Naho hoe ty Elisa tamine:" Rehafo amin-drampela hoe:' Le fa nimbetoa
amizao hasahira iaby zao riha mba hiahy anay. Ka ino ro azo atao ho anao? Afake misolo vava anao agne amity
mpanjaka na agne amity bey ty tafike vao zahay?"' Le namale re hoe:" Miharo mipetrake amity vahoake
raho."[14]Ka hoe ty Elisa:" Ino zane ro azontika atao ho aze?" Le namale Gehazy ty hoe:" Eka mare, tsy manan-
gnanake re, naho le fa antetre ty valine." [15]Ka namale Elisa ty hoe:" Kaiho re." Laha fa baka nikaike aze re, le
nitsanga teo amity varavara. [16]Hoe ty Elisa:" Amity andro hoe zay, afake heren-tao, le hitrotro ajalahy riha." Ka
hoe rampela:" Aha, ry tompoko vaho lahilahin'Agnahare, ko mavande amity mpanomponao."[17]Fa ty tao
magnarake avao rampela le nibevoka naho niterake ajalahy, arake ze le fa nirehafe Elisa tamine. [18]Laha fa
nihabey ty kolo, ndraike andro le nindeha niarake tamity raene, ze niarake tamireo mpihaza re. [19]Hoe re tamity
raene:" Ty lohako, ty lohako." Le hoe ty raene tamity mpanompone:" Andeso agne amity renene re." [20]Laha fa
nangalake aze vaho ninday ty ajalahy tagne amity renene ty mpanompo, le nitoboke teo ampitrotroa ty kolo
zisike-pitaotaovovogna naho mate bakeo.[21]Ka nitsanga ty ampela naho nametrake ty ajalahy teo amity fandrea ty
lahilahin'Agnahare, nagnily ty varavara, naho niakatre. [22]Nikaike ty valine re, naho nanao ty hoe:" Mba andefaso
raike amireo mpanomponao vaho raike amireo ampondra rie raho mba hahafahako mindeha tsiela agne amity
lahilahin'Agnahare naho hihere bakeo."[23]Le hoe ty valine:" Nagnino riha ro te-ho agne amine amizao? Tsy tsinam-
bola na Sabata zao." Ka namale re hoe:" Tsy magnino rie." [24]Le nasiane lasele ty ampondra raike naho hoe re
tamity mpanompone ty hoe:" Ampindehano malaky; naho ko mindeha mora laha tsy mirehake raho."[25]Ka
nandeha rampela naho niavy tao amity lahilahin'Agnahare tagne amity vohitse Karmela. Naho laha fa nahisake
aze bakalavitre ty lahilahin'Agnahare, le nirehake tamy Gehazy mpanompone re hoe:" Ingo, avy ty ampela
Sonemita. [26]Milay malaky mba hanalaka aze vaho hitalily amine ty hoe:" Milamy vao ty aminao vaho ty valinao
naho ty ananao?"' Le namale re ty hoe:" Milamy soa."[27]Laha fa niavy teo amity lahilahin'Agnahare tagne
ambohitse rampela, le nitanane ty tombone. Namonje i Gehazy mba hangalake aze kanefa hoe ty
lahilahin'Agnahare ty hoe:" Engao re, fa tohy vatane, naho nahaja Yaveh tamiko ty hasahira, naho tsy nirehake na
ino ino tamiko."[28]Le hoe rampela:" Nangatake anake taminao vao raho, ry tompoko? Tsy le fa nirehake vao raho
hoe:' Ko fitahe raho'?" [29]Le hoe Elisa tamy Gehazy:" Miakanjoa ho agne le vaho ento amity tagnanao ty teheko.
Mindehana agne antragnone. Laha mifanoje amity ndaty riha, le ko manalama aze, naho laha misy ndaty
manalama anao, le ko mamale aze. Ateheno eo amity tarehe ty kolo ty teheko."[30]Fa ty rene ty kolo nanao ty hoe:"
Laha velo kea ty Yaveh, naho laha velo kea riha, le tsy hiala anao raho." Ka nitsanga ty Elisa naho nagnorike aze.
[31]nialoha malaky iereo ty Gehazy naho nametrake ty tehe teo amity tarehe ty kolo, nefa tsy nirehake na naharey
ty kolo. Ka nihere tagne amy Elisa ty Gehazy naho nirehake tamine hoe:" Mboe tsy nifoha ty kolo."[32]Laha fa avy
tao antragno Elisa, le mboe mate teo ambone fandrea ty kolo. [33]Ka nilitse tao Elisa naho nirindrim-baravara tao re
vaho ty kolo ka nivavake tamy Yaveh re. [34]Nitsanga re naho niroro teo amity kolo; nametrake ty sognine teo amity
sognine, ty masone teo amity masone, naho ty tagnane teo amity tagnane. Namototre ty vatane teo amity kolo, ka
lasa nafana ty vata ty kolo-lahy kele.[35]Naho nitsanga Elisa naho niherehere tao amity efetre naho niakatre
ndraike ka namototre ty vatane teo ambone ty kolo-lahy kele. Nihevo-impito ty ajalahy naho namoha ty masone.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

[36]Ka nikaike i Gehazy ty Elisa naho nanao ty hoe:" Kaiho ty Sonemita!" Ka le nikaike aze re, naho laha fa niavy tao
amity efetre re, le hoe Elisa:" Alao ty ananao." [37]Le nagnohoke ty vatane teo amity tane teo amity tombone re
naho nandohaleke teo amity tane, ka nangalake ty anane le niakatre.[38]Naho nihere tagne Gilgala ndraike Elisa.
Nisy kere tao amity tane, naho nitoboke teo agnoloane reo ana ty mpaminane. Hoe re tamity mpanompone:"
Anovo eo amity afo ty siny bey naho mahandroa hane ho ahy reo ana ty mpaminane." [39]Nizotro tagne ambaibo
mba hangalake legioma ty raike tamiereo. Nahisake voaloboke le re naho namory tagnatagnamanga le mba
hamenoa ty moron-tombo ty akanjone. Tinampatampake naho natao iereo tao amity hane zay, nefa tsy nahay ty
karaza zay iereo.[40]Ka namoatre ty hane mba ho hane reo lahilahy iereo. Afake kele, laha teo am-pihinana iereo, le
nikorake mafe nanao ty hoe:" Ry lahilahin'Agnahare, misy mahafate ao ambelagne!" Ka tsy afake ty hihina zay
sase iereo. [41]Fa hoe Elisa ty hoe:" Mindaisa koba." Nanorake zay tao agnate valagne re naho nanao ty hoe:" Voaro
ho ahy ty ndaty zay, mba hihina iereo." Ka tsy nisy zaka mahafate sase tao ambelagne."[42]Nisy lahilahy raike
bakagne Bala-salisa nimbaeo amity lahilahin'Agnahare naho ninday mofo vita tamity vare hordea roapolo vaho
hinaza, naho salohim-bare vaovao tao agnate kitapone. Hoe re:" Ameo ireo ndaty toa mba hahafaha iereo
mihina." [43]Hoe ty mpanompone:" Ino ro hagnomeako zay reo ndaty zato?" Fa hoe ty Elisa hoe:" Ameo ty ndaty toa,
mba hahafaha iereo mihina, satria Yaveh nanao ty hoe:" Hihina iereo naho hagnisy sisane." [44]Ka nagnomea zay
iereo ty mpanompone; le nihina iereo, naho nisy sisa tavela, arake ty reha ampagnategna Yaveh.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Naho namana, mpifehe ty tafike ty mpanjaka i Syria, le lahilahy bey vaho bey hasy eo amaso ty tompone, satria
tamity alalane ro nagnomeza Yaveh faharesea i Syria. Lahilahy matanjake, bey herim-po avao kea re, kanefa
boka. [2]Nandeha niakatre isan-tokone reo Syriana naho nangalake ajampela kele raike bakao amity tane Israely.
Nanompo ty valy ty nama re.[3]Hoe ty ajampela tamity tompovavene hoe:" Enga anie mba hiarake amity
mpaminane ze agne Samaria ty tompoko! Naho hagnafake ty tompoko amity haboka re." [4]Ka nindeha ty Namana
naho nirehake tamity mpanjaka ze nirehafe ty ajampela kele bakagne amity tane Israely.[5]Le hoe ty mpanjaka
Syria hoe:" Mindehana amizao, naho hampinday taratasy ho ahy ty mpanjaka Israely raho." Lasa ty Namana
naho ninday talenta volafoty folo, volamena enegnarivo, vaho akanjo fisoloa folo niarake tamine. [6]Ninday ty
taratasy ho ahy ty mpanjaka israely avao kea ra ze nirehake ty hoe:" Laha fa ente aminao ty taratasy toy, le ho
hisanao fa nandefa i Namana mpanompoko aminao raho, mba hagnafahanao aze amity habokane."[7]Laha fa bake
namaky ty taratasy ty mpanjaka Israely, le nandrovitre ty akanjone re naho nirehake ty hoe:" Feie vao Zagnahare
raho, ka hamono na hemelo, ro mipay ahy hagnafake lahilahy amity haboka ty lahilahy toy? Hoe ty mpiay
hifandietre amiko re."[8]Ka laha fa rey Elisa ty lahilahin'Agnahare fa nandriatre ty ankanjone ty mpanjaka Israely,
le nandefa rehake tagne amity mpanjaka re nanao ty hoe:" Nagnino ro nirovitenao ty akanjonao? Engao re
hamonje ahy amizao, le ho haine fa misy mpaminane ao Israely." [9]Ka avy niarake tamireo soavalene vaho
kalesena ty Namana naho nitsanga teo ambaravara ty tragno Elisa. [10]Nagnirake mpinday talily tagne amy Elisa,
nanao ty hoe:" Mindehana naho ampandro impito ao amy Jordana ty vatanao, le hihere amity lalane ty nofonao;
halio riha."[11]Fa meloke ty Namana naho lasa ka nanao ty hoe:" Ingo, nataoko fa hiakatre hamonje ahy re naho
hitsanga vaho hikaike ty agnara Yaveh Zagnaharene, naho hagnofahofa ty tagnane amity toera ka hagnafake ty
habokako. [12]Feie Abana vaho Farpara, renerano i Damaskosy, tsy soa kea naho ty rano iaby ao Israely? Tsy afake
miandro ao amireo vao raho le halio?" Le nihere re naho lasa amin-keloke.[13]Bakeo reo mpanompo Namana
niharine ka nirehake tamine ty hoe:" Ry raeko, laha nandily anao hanao zaka-sarotre ilane ty mpaminane, feie
tsy nanao zay vao riha? ka vaho maike fa , laha fa mirehake tsotra anao re ty hoe:' Ampandro ty vatanao le halio
riha?" [14]Bakeo le nindeha nizotro re naho nampandro ty vatane impito tao amy Jordana, nanenke reo torohevetre
ty lahilahin'Agnahare. Nihere manahake ty nofon-kolo ndraike ty nofone, naho sintra re.[15]Nihere tagne amity
lahilahin'Agnahare Namana, re vaho reo mpiray lia tamine iaby naho nitsanga teo agnoloane. Hoe re ty hoe:"
Ingo, haiko amizao fa tsy misy Zagnahare magnera ty tane laha tsy ao Israely avao. Laha zao, raeso ty fagnomea
bakamity mpanomponao." [16]Fa Elisa namale hoe:" Laha mboe velo kea ty Yaveh, ze eo agnoloa ro hitsanganako, le
tsy handrambe na ino ino raho." Nampirisike Elisa mba handrambe ty fagnomea i Namana, fa nilietse re.[17]Laha
zao le hoe Namana ty hoe:" Laha tsy zay, le mangatake aminao raho mba hagnomea ty mpanomponao tane ampe
zaka ty ampondra roe, satria manomboke zao, le hagnomea fagnatetre oroa na soro ho an'agnahare hafa sase ty
mpanomponao laha tsy Yaveh. [18]Ao mba hamela heloke ty mpanomponao Yaveh amity zaka raike toy, le zao, laha
fa militse ao antragno i Rimona ty mpanjakako mba hanompo ao, naho mitehe amity tagnako re le mihohoke ao
antragno Rimona raho, le enga anie Yaveh mba hamela heloke ty mpanomponao amize zaka zay." [19]Le hoe Elisa
tamine ty hoe:" Mindehana ampiadagna." Le lasa ty Namana.[20]Nindeha halavira fohe avao re, laha fa nirehake
tamine ty Gehazy mpanompo Elisa ty lahilahin'Agnahare ty hoe:" Ingo, le fa namindra arofo ty Namana iaze
Syriana ty tompoko tamity tsy fandraisa reo fagnomea ze nientene tegne antagnane. Laha mboe velo kea ty
Yaveh, le hagnorike aze raho naho handrae zaka bakamine." [21]Laha zao le nagnorike i Namana ty Gehazy. Laha fa
nahisake ndaty nilay tao afarane ty Namana, le nitseka nizotro tamity kalesene re mba hanalaka aze naho nanao
ty hoe:" Mete vao ty zaka iaby?" [22]Le hoe Gehazy ty hoe:" Mete iaby ty zaka iaby. Nirahe ty tompoko raho, nanao ty
hoe:' Ingo, nisy ajalahy roe bakamireo ana ty mpaminane niavy namonje ahy bakagne amity vohitre Efraima.
Miangavy rie mba ameo talenta volafoty raike vaho akanjo hisoloa roe iereo."[23]Namale ty Namana hoe:" Fale bey
raho magnomea talenta volafoty roe ho anao." Nandrisike Gehazy ty Namana naho namehe talenta volafoty roe
tao agnate kitapo roe, niarake tamireo akanjo roe hisoloa, naho nametrake reo tamity roe tamireo mpanompone,
ze ninday reo kitapom-bolafoty nialoha Gehazy. [24]Laha fa avy tao amity tazoa i Gehazy, le nangalake reo kitapom-
bolafoty tegne antagna iereo re naho nagnaja reo tao antragno; nalefane reo lahilahy, ka lasa iereo. [25]Laha fa
nilitse Gehazy naho nitsanga nagnoloa ty tompone, le hoe Elisa tamine ty hoe:" Bakaia riha, ry Gehazy?" Namale
re ty hoe:" Tsy nindeha taia na taia ty mpanomponao."[26]Hoe ty Elisa tamy Gehazy ty hoe:" Tsy niarake taminao
vao ty fagnahiko laha fa nihodike tamity kalesene mba hanalaka anao ty lahilahy? Andro fandraesa vola vaho
akanjo, tanen'oliva vaho tanem-boaloboke, agnondry vaho agnombe, naho mpanompo lahy vaho vave vao zao?
[27]Laha zao le ho aminao vaho ty fokonao zisikezay ty haboka i Namana." Ka niala tamity fiatrehane ty Gehazy,
boka foty manahake ty havandra.

Chapter 6

[1]Reo ana ty mpaminane nirehake tamy Elisa ty hoe:" Ty toera ze hitobohanay miarake aminao le tena kele loatre
ho anay iaby. [2]Engao rie zahay hindeha ho agne Jordana, naho engao ty ndaty iaby mba hanampake hetae agne,
naho engao zahay hagnore toera hitobohanay agne." Namale Elisa ty hoe:" Afake mindeha nareo." [3]Ty raike
tamiereo nirehake ty hoe:" Mindehana rie miarake amireo mpanomponao." Naho namale Elisa ty hoe:" Hindeha
raho."[4]Ka nindeha niarake tamiereo re, naho laha fa niavy tagne Jordana iereo, le nanomboke nanampake hetae.
[5]Fa laha teo ampanampaha ty raike, le nipoke tao agnate rano ty lela-pamaky; nikorake mafe re naho nanao ty
hoe:" Loza, ry tompoko, nindrame igne!"[6]Ka hoe ty lahilahin'Agnahare ty hoe:" Taia ro nipohane?" Le natoro ty
ndaty Elisa ty toera. Le nanampake tapa-ketae re, naho nanorake zay tao agnate rano, ka nampihafo ty vy. [7]Hoe ty
Elisa hoe:" Alao io." Ka namototre ty tagnane ty ndaty naho nangalake zay.[8]Naho nialy tamy Israely ty mpanjaka
Syria. Nirehake tamity mpanompone ra, nanao ty hoe:" Agne amity toera hoe zao vaho hoe zao ro hitobeako." [9]Ka
ty lahilahin'Agnahare ze nalefa tagne amity mpanjaka Israely, nanao ty hoe:" Miambena tsy handrio amize toera
zay, fa hizotro agne reo Syriana."[10]Nandefa tatily tagne amity toera ze voalaza vaho nampiambena ty
lahilahin'Agnahare aze ty mpanjaka Israely. Tsy indraike na indroe avao, laha fa nindeha tagne ty mpanjaka, le
mahiratre re. [11]Meloke mafe tamireo fampiambena ty mpanjaka Syria, ka nikaike reo mpanompone re naho
nanao tamiereo ty hoe:" Tsy hirehake amiko vao nareo hoe ia eo aminareo ro tea ty mpanjaka Israely?"[12]Ka hoe ty
raike tamireo mpanompone hoe:"Aha, ry mpanjaka, tompoko, fa i Elisa mpaminane ao Israely ro mitalily amity
mpanjaka Israely reo rehake ze rehafenao ao amity efetragno firoroanao!" [13]Naho namale ty mpanjaka hoe:"
Mindehana naho paio ty misy i Elisa mba handefasako ndaty hitsepake aze." Nirehafene tamine hoe:" Ingo, agne
Dotana re."[14]Ka nandefa soavale maro, kalese, naho tafike bey tagne Dotana ty mpanjaka. Tamity haleke re ro
niavy naho nagnodidy ty tana. [15]Laha fa nifoha maray ka niakatre tagne ambalike ty mpanompo ty
lahilahin'Agnahare, le ingo, ty tafike bey mitiki-tsoavale vaho kalese nagnodidy ty tana. Hoe ty mpanompo tamine
hoe:" O, ry tompoko! Ino ro ho ataontika?" [16]Elisa namale hoe:"Ko matahotre, fa reo ze miarake amintika le mboe
maro kea tane reo ze miarake amiereo."[17]Nivavake Elisa naho nanao ty hoe:" Ry Yaveh, mangatake aminao ty
mba hanokafanao ty masone mba hahisake raho." Naho nisokafe Yaveh ty maso ty mpanompo, ka nahisake re.
Ingo, ty vohitse le feno soavale vaho kalese afo nagnodidy Elisa naho nanao ty hoe:" Mangatake aminao raho,
anovo goa reo ndaty reo." Ka nigoane iereo, arake ty nangatahe Elisa. [19]Naho hoe ty Elisa tamireo Syriana hoe:"
Tsy io ro lala, na ty tana. Oriho raho, fa ho enteko agne amity ndaty ze paienareo nareo." Bakeo le nitarihene ho
agne Samaria iereo.[20]Naho laha fa niavy tagne Samaria iereo, le hoe Elisa ty hoe:" Ry Yaveh, sokafo ty maso reo
ndaty reo mba hahisaha iereo." Le nisokafe Yaveh ty maso iereo ka nahisake iereo, naho ingo, teo agnivo ty tana i
Samaria iereo. [21]Hoe ty mpanjaka Israely tamy Elisa, laha fa nahisake iereo re:" Ry raeko, tokone hovonoeko vao
iereo? Tokone hovonoeko vao iereo?"[22]Elisa namale ty hoe:" Ao tsy hamono iereo riha. Hovonoenao vao reo ze
nibaboenao tamity meso vaho ty folese? Mametraha mofo vaho rano eo agnoloa iereo, mba hihina vaho hino
iereo, naho mindehana agne amity tompo iereo." [23]Ka nagnoma sakafo maro ho ahy iereo ty mpanjaka, naho laha
fa nihina vaho nino iereo, le nalefane, ka nihere tagne amity tompone. Tsy nihere tagne amity tane Israely zisike
ty andro maro reo tarike ty miaramila Syriana.[24]Andro kele tafarazay le namory ty tafine ty Beni-hadada naho
nanafike i Samaria vaho nanao faherano aze. [25]Ka nisy kere bey tagne Samaria. Ingo, nanao faherano iereo
mandram-pahalafo ho sekele volafoty valompolo ty lohan'ampondra raike, naho ty taim-boromahilala
ampahaefa ty kaba ho sekele volafoty dime. [26]Laha nandrio teo amity manda ty mpanjaka Israely, le nisy ampela
nikorake tamine, nanao ty hoe:" Vonjeo, ry mpanjaka, tompoko."[27]Hoe re:" Laha tsy magnampe anao Yaveh, ino ro
hahafahako magnampe anao? Misy raraha vao bakamity famoloa vaho ty fameaham-boaloboke?" [28]Le nanohy ty
mpanjaka hoe:" Ino ro hasahiranao?" Ka namale re hoe:" Hoe ty ampela toy tamiko:' Ameo ty ananao mba
hihinanantika aze androany, naho hihina ty anako tika hamaray." [29]Ka nampandevenay ty anako naho nihanenay,
naho nitalily tamine raho ty andro magnarake hoe:" Ameo ty ananao mba hihinanantika aze, kanefa le fa
nahajane ty anane."[30]Naho laha fa naharey reo rehan-drampela ty mpanjaka, le nandriatre ty akanjone re( naho
nandrio teo amity manda re), ka nagnente naho nahisake fa nana aten'akanjo lamba fandala re, tegne ankoline.
[31]Naho hoe re ty hoe:" Ao anie Zagnahare hanao zay amiko, mihoatre noho zay aza, laha mitoboke ao amine ty
loha Elisa ana i Safata amizao."[32]Fa Elisa nitoboke tao antragnone, naho reo olobey niara-nitoboke tamine.
Nandefa ndaty raike bakeo agnoloane ty mpanjaka, nefa laha fa niavy tagne amy Elisa ty mpinday talily, le hoe re
tamireo olobey hoe:" Ingo, akore ty fomba nandefasa ty anaka mpamono ndaty toy ndaty handily ty lohako? Ingo,
laha fa avy ty mpinday talily, le hilio ty varavara, naho tano hihily mba tsy hilirane ty varavara. Feie vao tsy feo
ty tombo ty tompone ze afarao zay? [33]Laha mboe nanohy nirehake tamiereo re, le ingo, nizotro teo amine ty

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

mpinday talily. Hoe ty mpanjaka hoe:" Ingo, bakamy Yaveh ze loza zao. Nagnino raho ro tokone mboe handy Yaveh avao?"

Chapter 7

[1]Hoe Elisa hoe:" Dranjigno ty safa Yaveh". Zao ro safa Yaveh:' Hamaray amity lera hoe zao le ho sekele raike ty vily
ty koba soa lisa era ty fagnarana, naho ho sekele raike ty vare hordea roe fagnarana, eo ambavahady Samaria."'
[2]Naho namale ty lahilahin'Agnahare ty bey ty mpiambe raike ze nagnankina ty mpanjaka ty tagnane, naho nanao
ty hoe:" Ingo, na le hanao varavarakele egne amity lagnitre aza Yaveh, hisy vao ze zaka zay?" Naho namale Elisa
hoe:" Ingo, hahisake ty atao zay reo masonareo, kanefa tsy hihina amizay nareo."[3]Naho nisy efa-dahy boka teo
ambaly ty vavahady ty tana. Nifampirehake iereo hoe:" Nagnino tika ro tokone mijano eto mandram-
pifatezantika? Laha hirehake tika hoe tokone hilitre ao amity tana tika, kanefa misy kere ao antana, le ho mate
agne tika. [4]Nefa laha hijano eto tika le mboe ho mate avao kea. Ka andao, andao tika ho agne amity tafike reo
Syriana. Laha tsy mamono antika iereo, le ho velo tika, fa laha mamono antika iereo, le ho mate tika.[5]Ka nindeha
iereo ty takariva mba hombaeo amity tobe ty Syriana; laha fa niavy tegne amity faritre ambaly ty tobe iereo, le
tsy nisy ndaty tao. [6]Fa le fa nampahareize ty tompo ty feo reo Kelese, vaho ty feo reo Saovale__ty feo reo tafike
bey hafa, ty tafike ty Syriana, naho nifampirehake iereo hoe:" Ty mpanjaka Israely le fa nagnarama reo mpanjaka
reo Hetita vaho reo Egyptiana mba ho avy handietre antika.[7]Le nindeha vaho nilay reo miaramila ty takariva;
nenga iereo ty tragnone, reo soavalene, reo ampondrane, naho hoe zay kea ty tobe, naho nilay ho ahy ty arofone
iereo. [8]Laha fa niavy teo amity faritre ambaly ty tobe reo lahilahy boka reo, le nilitre tao agnate ty tragno raike
iereo ka nihina vaho nino, naho nangalake volafoty vaho volamena naho akanjo, le nindeha ka nagnaja reo.
Nihere iereo naho nilitre tao amity tragno hafa le nanimba ty tao avao kea iereo, naho nindeha ka nagnaja zay.
[9]Bakeo le nifampirehake iereo hoe:" Tsy manao ty mare tika. Andro ty filazantsoa zao andro zao, nefa mita
filamina miomba zay tika. Laha mandy zisike ty azava ty andro tika, le hisy fagnaliloa hahazo antika. Amizao are,
andao ao tika hindeha naho hitalily ty foko ty mpanjaka." [10]Nindeha iereo ka nikaike reo mpiambe vavahady tao
antana. Hoe reo tamiereo:" Nimbaeo amity tobe reo Syriana zahay, nefa tsy nisy ndaty tao, tsy nisy feogn'ondaty,
fa reo soavale vaho ampondra mifehe ro ao, naho reo tragno ze nitobohane." [11]Le nikorake mafe reo vaovao ty
mpiambe vavahady, bakeo le natalily tao amity foko ty mpanjaka zay.[12]Naho nifoha ty mpanjaka ty hale naho
nitalily tamireo mpanompone hoe:" Amizao le ataliliko anareo ty natao reo Syriana tamintika. Hay iereo fa kere
tika, ka niala ty tobe iereo mba hihaja agne ambaibo. Hoe iereo:" Laha fa miakatre ty tana iereo, le hataontika
sambo-belo, ka hilirantika ty tana."' [13]Namale ty raike tamireo mpanompo ty mpanjaka vaho nanao ty hoe:"
Mangatake aminao raho, engao hangalake dime amireo soavale sisa reo lahilahy, le ze sisa tao antana zay. Iereo
le manahake ty sisa reo vahoake Israely iaby ze tavela_fa le fa mate ty ankamaroane amizao; ao tika handefa
iereo ka hahisake."[14]Ka nangalake kalese roe niarake tamity soavale iereo, ka nirahe ty mpanjaka hagnorike reo
tafike reo Syriana iereo, nanao ty hoe:" Mindehana naho henteo." [15]Nindeha nagnorike iereo zisikagne Jordana
iereo, ka feno siky vaho zaka ze naria Syriana tamim-pikoropaha ty lala iaby. Le nihere ty mpinday talily naho
nirehake tamity mpanjaka.[16]Nilay reo vahoake vaho nandrava ty tobe reo Syriana. Ka navily ho sekele raike ty
koba soa lisa era ty fagnarana, naho vare hordea roe fagnarana le sekele raike, arake ty le fa voatalily ty safa
Yaveh. [17]Nibaikoe ty mpanjaka ty bey ty mpiambe ze marine aze mba hiambe ty vavahady, naho voalialia reo
vahoake teo, ambavahady re. Naho mate re manahake ty le fa voatalily ty lahilahin'Agnahare, ty nirehake nizotro
teo amine ty mpanjaka.[18]Ka niseho zay arake ty le fa nirehafe ty lahilahin'Agnahare tamity mpanjaka hoe:" Amize
andro zao eo ambavahady Samaria, le azo vilie ho sekele raike ty vare hordea roe fagnarana, naho ty koba soa
lisa raike fagnarana le ho sekele raike." [19]Namale ty lahilahin'Agnahare ze bey ty mpiambe zay vaho nanao ty
hoe:" Ingo, na le hanao varavarakele egne andagnitre aza Yaveh, hisy vao ze zaka zay? Le fa nirehake Elisa hoe:"
Ingo, hahisake ty atao zay amity masonareo nareo, kanefa tsy hihina amizay nareo. [20]Hoe zay vatane ro niseho
tamine, satria voalialia ty vahoake teo ambavahady re, naho mate.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 8

[1]Naho Elisa nirehake tamim-drampela rene ty kolo ze vinelone. Hoe re tamine:" Mitsangana, naho mindehana
miarake amity fokonao, ka mitoboha na aia aia azonao itoboha agne antane hafa, satria Yaveh le fa nikaike kere
ho avy eto amity tane toy zisike ty fito tao." [2]Ka le nitsanga rampela naho nagnenke ty reha ty lahilahin'Agnahare.
Nindeha niarake tamireo fokone re naho nitoboke tagne amity tane ty Filistina fito tao.[3]Naho fara ty fito tao le
nihere bakao amity tane ty Filistina rampela, le nimbaeo amity mpanjaka re mba hangatake ty amity tragnone
vaho ty amity tanene. [4]Naho ty mpanjaka nirehake tamy Gehazy mpanompo ty lahilahin'Agnahare, nanao ty
hoe:" Mba atalilio ahy rie reo zaka bey ze natao Elisa."[5]Ka laha nirehake tamity mpanjaka ty fomba nameloma
Elisa ty kolo ze le fa mate re, le niavy ty ampela rene ty kolo vinelone mba hangatake amity mpanjaka ty amity
tragnone vaho ty tanene. Hoe Gehazy:" Ry mpanjaka, tompoko, toy i ampelay, naho toy ty anadahine, ze vinelo
Elisa." [6]Laha fa nagnontane andrampela miomba ty anane ty mpanjaka, le hinazavane tamine zay. Ka nandily
manam-pahefa raike ho aze ty mpanjaka, nanao hoe:" Aheregno amine iaby ze aze naho ty voka ty baibone iaby
zisikamity andro ze niengane ty tane ka zisikamizao."[7]Nimbaeo Damaskosy tagne amize nararea Beni-hadada
mpanjaka Syria ty Elisa. Rinehake ty mpanjaka hoe:" Niavy eo ty lahilahin'Agnahare." [8]Hoe ty mpanjaka tamy
Hazaela:" Mindaisa fagnomea egne antagnanao naho mindehana manalaka ty lahilahin'Agnahare, naho
magnontanea Yaveh amity alalane, manao hoe:" Ho afake amize arete zao vao raho?"' [9]Le nindeha nanalaka aze
ty Hazaela naho ninday fagnomea tamity zaka-soa isan-karazane bakao Damaskosy, niente ty rameva efapolo. Le
niavy ty Hazaela naho nitsanga teo agnoloa Elisa ka nanao hoe:" Ty ananao lahy Beni-hadada mpanjaka Syria ro
nagnirake ahy ho aminao atoy, manao hoe:' Ho afake amize arete zao vao raho?"'[10]Hoe ty Elisa tamine:"
Mindehana, rehafo Beni-hadada hoe:' Ho afake vatane riha', nefa Yaveh le fa nanoro ahy fa ho mate vatane re."
[11]Le hiambe i Hazaela mandra-pahamegnatre aze Elisa, le nitagny ty lahilahin'Agnahare. [12]Nagnontane ty Hazaela
hoe:" Nagnino riha ro mitagny, ry tompoko?" Namale re ty hoe:" Satria haiko ty raty ze hataonao amity vahoake
Israely. Hagnoro ty fiarova mafe iereo riha, naho hamono ty ajalahy iereo amity meso, handrasarasa ty anake
kele iereo riha, naho handriatre ty ampela bevoka ao amiereo."[13]Hazaela namale hoe:" Ia moa ty mpanomponao,
ro hanao ze zaka bey zay re? Amboa avao re." Namale ty Elisa hoe:" Le fa natoro Yaveh ahy fa ho lasa mpanjaka
Syria riha." [14]Le niala Elisa ty Hazaela naho nimbaeo amity tompone, ty nirehake tamine hoe:" Ino ro nirehafe
Elisa taminao?" Namale re hoe:" Nirehake tamiko re fa ho afake vatane riha." [15]Naho ty hamaray le nangalake
bodo-bey ty Hazaela naho nampijo zay tao agnate rano, naho namelatre zay teo amity tarehe Beni-hadada mba
ho mate re. Le lasa mpanjaka nisolo ty toerane Hazaela.[16]Tamity tao fahalime nanjaka JOrama anadahy Ahaba,
mpanjaka Israely, le nanomboke nanjaka ty Jehorama. Re le anadahy Josafata mpanjaka Joda. [17]Jehorama le roe
amby telopolo tao ro nanomboke nanjaka, naho nanjaka zisike ty valo tao ta Jorosalema re.[18]Nindeha tamireo lala
ty mpanjaka Israely ty Jehorama, manahake ze natao ty foko Ahaba; satria nana ty anakampela i Ahaba ho valine
re, ke nanao ty raty teo amaso Yaveh re. [19]Na le zay aza, noho ty amy Davida mpanompone, le tsy te-handrava
Joda Yaveh, satria nirehake tamine re fa hagnomea aze foko zisikagne.[20]Tamity andro Jehorama, le navande
nandietre ty tagna Joda ty Edoma, naho nametrake mpanjaka ho ahy ty vatane iereo. [21]Bakeo le nitsake niarake
tamireo mpifehene vaho reo Kalese iaby ty Jehorama. Le nitsanga re ty hale ka nanafike naho nagnisy reo
Edomita, ze nagnodidy aze vaho reo mpifehe reo Kalese. Le nilay tane antragno iereo ty tafike Jehorama.[22]Ka
niarake nandietre ty lily Joda zisikezao ty Edoma. Niarake avao kea Libna tamio anddro o. [23]Naho ty amireo
raraha hafa mikasike i Jehorama, iaby ze nataone, feie tsy le fa voasoratre ao amity boke reo tantara ty mpanjaka
Joda vao zay? [24]Mate naho nijano niarake tamireo razane ty Jehorama, naho naleve niarake tamireo razane tao
antana Davida. Le Ahazia anadahine ro lasa mpanjaka nisolo ty toerane.[25]Tamity tao faharoe amby folo nanjaka
Jorama anadahy Ahaba, mpanjaka Israely, ro nanomboke nanjaka ty Ahazia, anadahy Jehorama, mpanjaka Joda.
[26]Roe amby roapolo tao ty Ahazia ro nanomboke nanjaka; nanjaka zisike ty heren-tao ta Jerosalema re. Ty
agnaran-drenene le Atalia; re le anakampela Omry, mpanjaka Israely. [27]Naho nindeha tamireo lala ty foko Ahaba
ty Ahazia; nanao ze raty teo amaso Yaveh re, manahake ze natao ty foko Ahaba, satria Ahaza le vinanto lahy
tamity foko Ahaba.[28]Nindeha niarake tamy Jorama anadahy Ahaba ty Ahazia, mba hialy amy Hazaela, mpanjaka
Syria, ao Ramota-gileada. Namere Jorama reo Syriana. [29]Nihere ty Jorama mpanjaka mba hotsaboe agne Jezirela
amireo fere ze natao reo Syrina tamine tao Rama, laha fa nialy tamy Hazaela mpanjaka re. Naho Ahazia anadahy
Jehorama, mpanjaka Joda, nizotro ho agne Jezirela mba hagnente i Jorama anadahy Ahaba, satria nafere ty
Jorama.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 9

[1]Nikaike ty raike tamireo ana ty mpaminane ty Elisa mpaminane ka nanao tamine hoe:" Miakanjoa ho agne le,
naho alae eo antagnanao ty tavoangy kele misy diloilo toy naho mindehana agne Ramota-gileada. [2]Laha fa avy
riha, le paio ty Jeho anadahy Josafata ana i Nemsy, ka milira naho ampitsangano eo amireo namane naho ento ao
agnate efetre agnatene raike re. [3]Naho alao ty tavoangy misy diloilo ka ailigno eo ambone ty lohane naho rehafo
ty hoe:' Zao ro safa Yaveh:" Le fa hinosoko ho mpanjaka eo amy Israely riha."' Bakeo le sokafo ty varavara, ka
milaisa; le ko mitarezo."[4]Naho nindeha tagne Ramota-gileada, ty ajalahy, mpaminane. [5]Tamy niavy re, ingo,
nitoboke ty kapitene ty tafike. Naho ty mpaminane ajalahy:" Ninday talily ho anao raho, ry kapitene." Jeho
namale hoe:" Ho ania aminay zao?" Ty mpaminane ajalahy namale hoe:" Ho anao, ry Kapitene." [6]Ka nitsanga ty
Jeho naho nilitre tagne antragno, naho naily ty mpaminane ajalahy teo ambone ty lohane ty diloilo ka hoe re
tamy Jeho:" Zao ro safa Yaveh, ty Zagnahare Israely:'Le fa nagnosotre anao ho mpanjaka teo amity ndaty Yaveh,
teo amy Israely raho.[7]Tsy maintsy vonoenao ty foko Ahaba tomponao, mba hamaleako fate ty lio reo mpaminane
mpanompoko, vaho reo lio reo mpanompo Yaveh iaby, ze vinono ty tagna Jezebela. [8]Fa ho rava ty foko Ahaba
iaby, naho ho foagnako eo amy Ahaba ty anadahy iaby, na ndevo zay na ndaty soa.[9]Hataoko manahake ty foko
Jeroboama anadahy Nebata vaho manahake ty foko Basa anadahy Ahia ty foko Ahaba. [10]Reo amboa ro hihina i
Jezebela ao Jezirela, naho tsy hisy ndaty handeve aze." Naho sinoka ty mpaminane ty varavara ka nilay re.[11]Naho
Jeho niakatre teo amireo mpanompo ty tompone, naho nisy raike nanao tamine hoe:" Mindeha soa vao ty zaka-
iaby? Nagnino ro nimbaeo aminao ty ndaty gege eigne? Jeho namale aze hoe:" Hainareo igne ndaty igne naho
hainareo ze zaka rehafene." [12]Hoe iereo:" Vande zay. Ambarao anay." Jeho namale hoe:" Hoe zay vaho zay ro
rinehane tamiko, naho hoe kea re hoe:" Zao ro safa Yaveh: Le fa nagnosotre anao ho mpanjaka teo amy Israely
raho."' [13]Naho le sambe nagnafake malaky ty akanjone ambalike iereo ka nanao zay teo ambane Jeho tegne amity
farane ambone ty tohatre. Tinio iereo ty trompetra naho hoe iereo hoe:" Mpanjaka ty Jeho."[14]Zay ty fomba
niharoa Jeho anadahy Josafata ana Nimsy handietre i Jorama. Naho Jorama mpanjaka le fa niaro i Ramota-
gileada, re vaho ty Israely iaby, noho Hazaela mpanjaka Syria, [15]Kanefa nihere tagne Jezirela ty Jorama mpanjaka
mba ho afake amireo fere ze natao reo Syriana aze, laha fa nialy amy Hazaela mpanjaka Asyria re. Hoe ty Jeho
tamireo mpanompo Jorama:" Laha zay ty dinenareo, le ko enga hisy ndaty hilay amizao vaovao zao agne
Jezirela." [16]Ka nitikitse kalese nimbaeo Jezirela ty Jeho; satria nangalake harerake tagne ty Jorama. Naho nindeha
nizotro mba hifankahita amy Jorama ty Ahazia mpanjaka Joda.[17]Nitsanga teo amity tilikambo Jezirela ty mpijilo,
naho hisane namonje baka lavitre reo nama Jeho; hoe re:" Magnente ndaty mamonje raho." Jorama nanao hoe:"
Mangala mpitiki-tsoavale raike, naho alefaso mba hanalaka iereo re; ambarao re mba hirehake hoe:' Avy mba
hilongo vao nareo?"' [18]Ka nalefa mba hanalaka aze ty mpitiki-tsoavale; naho hoe re:" Zao ty reha mpanjaka:' Avy
mba hilongo vao nareo?"' Naho hoe Jeho:" Mpino vao riha vaho ty fiongoa? Miotaha naho magnoriha ahy." Naho
nitalily tamity mpanjaka ty mpijilo hoe:" Nahisake iereo ty mpinday talily, nefa tsy nimpoly re."[19]Naho nandefa
mpitiki-tsoavale faharoe re, ze nimbaeo amiereo ka nanao ty hoe:" Zao ro safa ty mpanjaka:' Avy mba hilongo
vao nareo?"' Jeho namale hoe:" Mpino vao riha naho ty filongoa? Miotaha naho magnoriha ahy." [20]Nitalily ndraike
ty mpijilo hoe:" Nifankahita tamiereo re, kanefa tsy nimpoly. Fa ty lala ze nindaisa kalese ro lala nindeha Jeho
anadahy Nismy; le nirifatre mafe re."[21]Ka hoe Jorama:" Vognono ty kaleseko." Naho vinogno iereo ty kalesene,
naho sambe nitikitre ty kalesene iaby, ty Jorama mpanjaka Israely vaho Ahazia mpanjaka Joda, mba hipay Jeho.
Hisa iereo tao amity tana Nabota Jezirelita re. [22]Laha fa hisa Jorama ty Jeho, le hoe re:" Avy mba hilongo vao riha,
ry Jeho?" Re namale ty hoe:" Ino ro filongoa eo, laha mboe maro bey kea ty fanompoan-tsampe amity asa
fivarotam-bata vaho ty aoly raty Jezebela renenao?"[23]Naho nahere Jorama ty kalesene ka nilay re naho nanao
tamy Ahazia hoe:" Misy fitake, ry Ahazia." [24]Naho le hinia Jeho tamity ozane iaby ty folesene ka tinifine teo agnivo
ty soro Jorama; nitsovoke teo amity fone ty folese, ka nitonta bakegne amity kalese re.[25]Naho hoe Jeho tamy
Bidkara Kapitene:" Alao re naho atoraho ao amity baibo Nabota Jezirelita. Tiarovo tamizaho vaho riha niarake
ninday kalese nagnorike Ahaba raene, le nanao ze visavisa zay hagnisia aze Yaveh: [26]Yaveh nitalily
hoe__'Nahisake ty lio Nabota vaho ty lio reo anadahine raho male__naho hampagnavake anao zay eto amity
baibo toy vatane raho__hoe Yaveh. Ka amizao, alao re naho atoraho eo amio baibo o, arake ty safa Yaveh."[27]Laha
fa nahisake zay ty Ahazia mpanjaka Joda, le nilay niakatre tagne amity lala mbaeo Beta Hagana re. Fa Jeho
nagnorike aze, naho nanao hoe:" Vono eo amity kalese avao kea re," naho tinify iereo teo amity tazoa ho agne
Gora, ze eo agnila Jibleama. Nilay tagne Megido ty Ahazia ka le mate tagne. [28]Niente reo mpanompone tamity
kalese nimbaeo Jerosalema ty fatene naho nalevene tao amity kibory niarake tamireo razambeine tao antana
Davida re.[29]Naho tamity faha-raike amby folo tao nanjaka Jorama anadahy Ahaba ro nanomboke nanjaka teo
amy Joda ty Ahazia.[30]Laha fa niavy tao Jezirela ty Jeho, le rey Jezebela zay, naho nandoko ty masone, vaho


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nibango ty volone, naho nijilo teo andafonete re. 31 Laha nilitre ty vavahady ty Jeho, le hoe re tamine hoe:" Avy
mba hilongo vao riha, ry Zimry, mpamono ty tomponao?" 32 Nijilo tegne andafonete ty Jeho naho hoe re:" Ia ro
miandany amiko? Ia?" Bakeo le nisy tandapa roe na telo nijilo. 33 Ka le hoe Jeho:" Apoho re." Ka napo iereo ty
Jezebela, naho ty ilane tamity lio nipitsike tegne amity rindry vaho reo soavale, ka hinosehose Jeho tamity
tombone re. 34 Laha fa nilitre tao amity lampa ty Jeho, le nhina vaho nino re. Naho hoe re:" Henteo amizay ty
ampela voaozo naho alevegno re, fa anakampela ty mpanjaka re." 35 Nindeha nandeve aze iereo, kanefa tsy
nahisake laha tsy karan-doha, vaho tomboke, naho tagnane ie roe. 36 Ka nihere iereo naho nirehake tamy Jeho.
Hoe re:" Zao ty safa Yaveh ze nirehafene tamity alala Elia ty Tisibita mpanompone, manao hoe:' Ao amity tane ao
Jezirela ro hihinana reo amboa ty nofo Jezebela, 37 naho ty fate Jezebela le hanahake ty zezeke eo amity velara ty
baibo eo amity tane ao Jezirela, mab tsy hisy ndaty afake hirehake hoe:" Jezebela io.""'

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 10

[1]Naho nana foko fitompolo tagne Samaria ty Ahaba. Nanoratre taratasy ty Jeho ka nandefa zay tagne Samaria, ho
ahy reo mpandily Jezirela, tao agnate zay reo olobey vaho reo mpiambe ty foko Ahaba, nanao ty hoe: [2]"Eo
aminareo reo foko ty tomponareo, naho mana kalese vaho soavale naho tana voaaro vaho akanjo fiaro avao kea
nareo. Laha zao, laha vaho avy eo aminareo ty taratasy toy, [3]le filio ze soa vaho mete vatane amireo foko ty
tomponareo ka atoboho ho eo amity sezan-droandriane re, naho mialia ho ahy ty foko ty mpanjaka
tomponao."[4]Fa natahotre iereo ka nifampitalily hoe:" Ingo, mpanjaka roe aza tsy naharetre teo agnoloa Jeho. Ka
ino moa ro hijanognantika?" [5]Bakeo ty lahilahy ze mita ty lampa, vaho ty lahilahy nandily ty tana, vaho reo
olobey avao kea, naho reo ze niteza reo kolo, le nandefa talily nihere tagne amy Jeho, nanao hoe:" Manomponao
zahay. Hataonay ze iaby handilianao anay, tsy hametrake ndaty ho mpanjaka zahay. Anovo ze hainao fa mete eo
amasonao."[6]Naho nanoratre taratasy fagnindroene ho ahy iereo ty Jeho, nanao ty hoe:" Laha miandany amiko
nareo, naho laha midranjy ty feoko nareo , le tsy maintsy tampahenareo ty loha reo lahilahy foko ty tomponareo,
naho mindeha amiko atoy Jezirela hamaray amity lera hoe zao." Amizao reo foko ty mpanjaka, misake fitompolo,
le niarake tamireo lahilahy manan-danja teo antana, ze niteza iereo. [7]Ka laha fa niavy teo amiereo ty taratasy, le
nalaene reo anadahy ty mpanjaka ka vinonone, ndaty fitompolo, nataone tao agnate vaha ty loha iereo, naho
nalefane tagne amy Jeho tagne Jezirela reo.[8]Nisy mpinday talily niavy teo amy Jeho, nanao hoe:" Le fa ninday ty
loha reo anadahy ty mpanjaka iereo." Ka hoe re:" Anovo atnon-jaka roe ho eo amity vavahady filira iereo zisike
maray." [9]Ty maray ty Jeho le niakatre ka nitsanga, naho nirehake tamity vahoake iaby hoe:" Tsy manan-tsiny
nareo. Ingo, niarake tamity tompoko raho ka namono aze, fa ia ro namono toa iaby toa?[10]Amizao le tokone ho
tsapanareo vatane fa tsy nisy tamity safa Yaveh, ty nirehake ze nirehafene mikasike ty foko Ahaba, hirarake
amity tane, satria Yaveh ro nanao arake ze nirehafene tamity alala Elia mpanompone." [11]Ka vinono Jeho ze sisa
tavela tamity foko Ahaba tagne Jezirela, vaho reo lahilahy manan-danjane, reo namane vatane, reo mpisorone,
mandram-pilania ty foko iereo.[12]Bakeo le nitsanga ty Jeho ka lasa nimbaeo Samaria re. Naho laha vaho niavy tao
Bet-ekeda ty mpiarake agnondry re, [13]le nifanoje tamireo rahalahy Ahazia mpanjaka Joda. Hoe ty Jeho tamiereo
hoe:" Ia nareo?" Namale iereo hoe:" Rahalahy Ahazia zahay, naho hizotro mba hanalama reo ana ty mpanjaka
vaho reo ana i Jezebela Mpanjaka vave zahay." [14]Hoe ty Jeho tamireo lahilahine:" Anovo sambo-belo iereo." Ka
natao iereo sambo-belo iereo naho vinonone tagne amity lavake famorian-drano Bet-ekda, reo roe amby efapolo
lahy. Tsy nisy niengane ho velo iereo.[15]Laha fa niala teo Jeho, le nifanoje tamy Jonadaba anadahy Rekaba naho
namonje ze. Nanalama aze ty Jeho ka nanao tamine hoe:" Miarake amiko vao ty arofonao, manahake ty arofoko
Ze miarake amity anao?" Namale ty Jonadaba hoe:" Zay vatane." Hoe ty Jeho:" Laha zay vatane ro ie, le atoloro
aze ty tagnanao." Ka natolo Jonadaba aze ty tagnane, naho nonjone Jeho niarake tamine teo amity kalesene ty
Jonadaba. [16]Hoe ty Jeho" Miaraha amiko ka henteo ty zotom-poko ho ahy Yaveh." Ka niara-nindeha tamine tao
amity kalesene ty Jonadaba. [17]Laha niavy tagne Samaria re, le vinono Jeho iaby ty foko Ahaba ze sisa tavela tagne
Samaria, mandram-pandravane ty foko Ahaba mpanjaka, arake ze le fa nirehafe tamiereo taloha tamity alala ty
safa Yaveh, ze nirehafene tamy Elia.[18]Naho namory ty ndaty iaby niarake ty Jeho ka nirehake tamiereo hoe:"
Ahaba le nanompo i Bala kelekele avao, fa i Jeho kea hanompo aze mafe. [19]Amizao naho kaiho ho amiko eto iaby
reo mpaminane Bala iaby, vaho reo mpanompo aze iaby, naho reo mpisorone iaby. Ao tsy hisy tavela, satria mana
fagnatetre bey hatolotre ho ahy Bala raho. Iaby ze tsy avy le tsy ho velo." Fa natao Jeho zay mba ho fitake, tamity
fikasane hamono reo mpanompo Bala. [20]Hoe ty Jeho:" Manokana andro raike mba hanova fivoria ho ahy Bala." Ka
natalily iereo zay.[21]Naho nagnirake magnere Israely iaby vaho reo mpanompo i Bala iaby ty Jeho, mba tsy hisy
ndaty tavela ka tsy avy. Niavy tao amity tempoly Bala iereo, naho feno na zisikaia aia. [22]Nitalily tamity lahilahy
mpamory ty akanjo ty mpisoro ty Jeho hoe:" Magnakara akanjo ho ahy reo mpisoro Bala iaby." Ka nagnakatre
akanjo ho ahy iereo ty lahilahy.[23]Naho lasa niarake tamy Jonadaba anadahy Rekaba ho ao antragno Bala ty Jeho,
naho hoe re tamireo mpanompo Bala:" Henteo, naho anovo azo antoke fa tsy hisy bakamity mpanompo Yaveh ty
raike aminareo eto, fa mpanompo Bala avao." [24]Le nindeha nanolotre soro vaho fagnatetre oroa iereo. Naho nifily
lahilahy valompolo hitsanga eo ambaly Jeho, naho hoe re tamiereo:" Laha misy tafilay amireo lahilahy ze enteko
eo antananareo, na ia ia mamototre ze ndaty zay hilay, le ho afaha amine ty fiaine ho solo ty laine."[25]Naho vatane
vaho vita Jeho ty fanolora ty fagnatetre oroa, le hoe re tamity mpiambe vaho reo kapitene:" Milira ka vono iereo.
Ko enga hisy ho tafiakatre." [26]Ka vinono iereo tamity lela-meso reo, naho ty mpiambe vaho reo kapitene nanorake
iereo tagne ambalike naho nilitre tao agnefetre agnate ty tragno Bala. Tinary iereo niakatre ty ambem-bato tao
antragno Bala, naho noroa iereo zay. [27]Bakeo le narotra iereo ty ambe i Bala, ka rinavane ty tragno Bala naho
nataone tragno fivegna, naho zisikamizao zay. [28]Hoe zay ro nandrava Jeho ty fanompoa Bala tagne Israely.
[29]Kanefa tsy niala reo hadisoa Jeroboama anadahy Nebata ty Jeho, ze nampagnontane ty Israely_ty fanompoa ty


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

agnombe-lahy kele volamena tagne Betela vaho Dana. [30]Ka hoe Yaveh tamy Jeho hoe:" Satria riha nanao ze soa
tamity fanaova ze mare teo amasoko, naho nanao ty foko Ahaba arake iaby ze tato ampoko, reo fokonao le
hitoboke eo amity sezan-droandria Israely zisikamity foko fahaefatre." [31]Fa tsy niraharaha ze hindeha amity lala
Yaveh, ty Zagnahare Israely, tamity arofone iaby ty Jeho. Tsy niala tamity hadisoa Jeroboama re, ze nampanontae
ty Israely.[32]Tamireo andro reo Yaveh ro nanomboke namefe ty faritre Israely, naho Hazaela naharese reo Israelita
tegne amity sisin-tane ty Israely, [33]zisikagne Jordana ro mianignana, ty tane Gileada iaby, ty Gadita, naho ty
Robenita, vaho ty Manasita, bakagne Aroera, ze bakeo amity baibo Arnona, zisikagne Gileada ka hatragne
Basana.[34]Laha ty amireo raraha hafa mikasike Jeho, vaho iaby ze nataone, vaho fahefane iaby, feie tsy le fa
voasoratre ao amity boke ty tantara ty mpanjaka Israely vao zay? [35]Nimate niarake tamireo razambeine ty Jeho,
naho naleve iereo tagne Samaria re. Naho Joahaza anadahine ro lasa mpanjaka nisolo aze. [36]Valo amby roapolo
tao ty fotoa nanjaka Jeho teo amy Israely tagne Samaria.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 11

[1]Tamy hisa Atalia, rene Ahazia, fa mate ty anane, le nitsanga re naho namono ty ana ty mpanjaka iaby. [2]Nefa ty
Joseba, anakampela Jehorama Mpanjaka naho anabave Ahazia, le nangalake Joasy ana Ahazia, naho nagnaja aze
lavitre teo amireo ana ty mpanjaka ze vinono, miarake amity mpiteza aze; nataone tao amity efetragno firoroa
iereo. [3]Nalefa iereo ahy Atalia re mba tsy ho vonoe. Niarake tamy Joseba re, nahaja tao atragno Yaveh, zisike ty
enen-tao, laha mboe nanjaka teo amity tane ty Atalia.[4]Naho tamity tao fahafito, le nandefa talily vaho ninday reo
mpifehe ty karita vaho ty mpiambe anjatone ty Joiada, naho ninday iereo ho aze, tao antempoly Yaveh. Le nanao
fagnenkea tamiereo re, ka nataone nanao vava tao antragno Yaveh iereo. Bakeo le natorone iereo ty ana ty
mpanjaka. [5]Nibaiko iereo re, nanao hoe:" Zao ro tsy maintsy ataonareo. Ty telo aminareo ze avy amity andro
Sabata le hiambe ty tragno ty mpanjaka, [6]naho ty telo ho ao amity Vavahady Sora, naho ty telo ao ambavahady ao
afara ty tragno fiambena."[7]Reo vondro roe hafa ze tsy manompo amity andro Sabata, le tsy maintsy miambe ty
tragno Yaveh ho ahy ty mpanjaka nareo. [8]Tokone magnodidy ty mpanjaka nareo, naho ty ndaty iaby miarake
amity zaka-fialia egne antagnane. Na ia ia militre eo ampilaharanareo, le ao hovonoe re. Tsy maintsy hagnorike
ty mpanjaka nareo laha fa miakatre, vaho laha fa militre re.[9]Naho reo mpifehe anjatone le nagnenke ty zaka iaby
ze nandilia Joiada mpisoro. Sambe nangalake ty ndatine ty kirai-kiraike, reo ze nilitre mba hanompo tamity
Sabata, vaho reo ze hitofa hanompo tamity Sabata; le nindeha tagne amy Joiada mpisoro iereo. [10]Naho namea
Joiada mpisoro ty mpifehe anjatone ty lefo vaho ty apinga ze ahy Davida Mpanjaka vaho ze tao antragno Yaveh.
[11]Naho nitsanga reo mpiambe, ty ndaty kirai-kiraike miarake amity zaka-fialiane egne antagnane, teo ankavana
ty tempoly zisikagne ankavia, agnila ty alitara vaho ty tempoly, magnodidy ty mpanjaka. [12]Le niente Joiada
niakatre ty Joasy ana ty mpanjaka, nanaovane satron-kasy, naho nameane aze ty lily fagnenkea. Le nataone ty
mpanjaka vaho hinoso iereo re. Nitehake iereo naho nanao ty hoe:" Ho ela velo anie ty mpanjaka!"[13]Laha fa rey
Atalia ty tabataba reo mpiambe vaho ty ndaty, le nimbaeo amity ndaty tao antragno Yaveh re. [14]Nagnente re,
naho ingo, ty mpanjaka nitsanga teo agnila ty tsangam-bato, arake ty fatao, naho reo kapitene vaho reo mpitioke
trompetra le teo agnila ty mpanjaka. Naho ty ndaty iaby teo amity tane le nifale vaho nitioke trompetra. Le
nandriatre ty akanjone ty Atalia ka nikorake mafe hoe:" Mamadike! Mpamadike!"[15]Bakeo Joiada mpisoro nandily
reo mpifehe anjatone ze teo amity tafike, nanao hoe:" Akaro eo ampilahara re. Na ia ia magnorike aze, le vono
amity meso re." Fa ty mpisoro nirehake hoe:" Ko enga hovonoe ao antragno Yaveh re." [16]Ka nitsepake aze iereo
laha niavy teo amity toera ze filira ty soavale ao ankianja ty lampa re, naho teo ro namonoa aze.[17]Naho nano
fagnenkea teo amy Yaveh vaho ty mpanjaka naho ty vahoake ty Joiada, naho teo amity mpanjaka vaho ty ndaty
avao kea, mba ho ndaty Yaveh iereo. [18]Naho ty ndaty iaby teo amity tane nimbaeo amity tragno Bala ka nanimba
zay. Namotepoteke reo alitara Bala vaho ty sampene voasokitre iereo, naho namono i Matana, ty mpisoro Bala teo
agnoloa reo alitara iereo. Naho joiada mpisoro nanendre reo mpiambe hifehe ty tempoly Yaveh.[19]Niente Joiada
nagnorike aze ty mpifehe anjatone, reo Karita, ty mpiambe, naho ty ndaty iaby teo amity tane, naho niarake
ninday ty mpanjaka nizotro bakagne antragno Yaveh iereo, ka nilitre tao antragno ty mpanjaka, militre amity
lala eo ambavahady reo mpiambe. Nangalake ty toerane teo amity sezan-droandria ty mpanjaka ty Joasy. [20]Naho
nifale ty ndaty iaby teo amity tane , ka nilamy ty tana tafara ty namonoa i Atalia tamity meso tao antragno ty
mpanjaka.[21]Fito tao ty Joasy ro nanomboke nanjaka.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 12

[1]Tamity fahafito tao nanjaka Jeho, ro nanomboke ty fanjaka Joasy; nanjaka zisike ty efapolo tao tamy Jerosalema
re. Zibia ro agnaran-drenene. bakagne Beri-sheba. [2]Nanao ze mare teo amaso Yaveh ty Joasy tamity andro iaby,
satria nagnanatre aze ty Joiada mpisoro. Kanefa reo toera agnabo tsy rinava. [3]Mboe nanao soro vaho nagnoro
liten-ketae magnitre teo amireo toera agnabo avao ty vahoake.[4]Hoe Joasy tamireo mpisoro hoe:" Ty vola iaby ze
niente ho fagnatetre masy tao antragno Yaveh, le ty vola ze natao ty ndaty kirai-kiraike__na ty vola navory tamity
fagnisaham-bahoake zay, na ty vola azo tamity vava arere, na ty vola niente ty ndaty tamity fandrisiha Yaveh tao
ampo iereo mba hagnomea__[5]le tokone ho raese reo mpisoro ty vola bakamity raike amireo harea iereo naho
hagnamboara ze havoa hisake tao antempoly."[6]Fa tamity fahatelo amby roapolo tao nanjaka Joasy Mpanjaka, le
tsy nagnamboatre na ino ino tao antempoly reo mpisoro. [7]Naho nikaike i Joiada mpisoro vaho reo mpisoro hafa
ty Joasy mpanjaka; hoe re tamiereo hoe:" Nagnino nareo ro tsy nagnamboatre na ino ino tao antempoly? Amizao
ko mangalake vola amity mpandoa hetra sase, fa raeso ze le fa voavory mba hagnamboara ty tempoly naho ameo
reo ze afake manao ty hamboatre zay." [8]Laha zao le nagnenke tsy hitake vola amity vahoake vaho tsy
hagnamboatre ty tempoly sase reo mpisoro.[9]Fa kea, nangalake vata raike Joiada mpisoro, nandoake ty lombone,
naho nametrake zay teo agnila ty alitara, teo ankavana ty filira ao amity tragno Yaveh. Reo mpisoro ze niambe ty
filira ao antempoly le nametrake ty vola iaby ze niente ho ao antragno Yaveh tao amizay. [10]Isake ty hisa iereo fa
bey vola tao agnate ty vata, le niavy mpanora-dala ty mpanjaka vaho ty mpisorombey naho nametrake ty vola tao
agnate kitapo naho magnisake zay bakeo, ty vola hisake tao antempoly Yaveh.[11]Natolo iereo teo antagna reo
lahilahy ze nikarakara ty tempoly Yaveh ty vola ze voalanja. Namea iereo reo mpandrafitre vaho reo
mpamboatre ze niasa tao antempoly Yaveh zay, [12]naho ho ahy reo mpanao tragno vaho reo mpanao vato, mab
hivilia hetae vaho vato voatampake mba hagnamboara ty tempoly Yaveh, vaho ho ahy zaka iaby ze paie vilie
hagnamboara zay.[13]Fa ty vola niente tao antragno Yaveh le tsy nagnomea hivilia finga volafoty, meso, koveta,
trompetra, na enta volafoty na volamena ho ahy zay. [14]Namea iereo reo ze nanao ty asa famboara ty tragno Yaveh
ze vola zay.[15]Fagnampe zay, tsy nangatake ty vola namea hanova famboara mba ho agnate reo lahilahy ze
nandrae zay iereo naho nagnomea zay ho ahy reo mpiasa, satria mare reo lahilahy reo. [16]Fa ty vola ho ahy ty
fagnatetre noho ty heloke vaho ty fagnatetre noho ty hadisoa le tsy niente tao antempoly Yaveh, satria ahy reo
mpisoro zay.[17]Naho nanafike vaho nialy tamy Gata ty Hazaela mpanjaka Syria, naho nahazo zay. Bakeo le nitolike
hanafike i Jerosalema ty Hazaela. [18]Nalae Joasy mpanjaka Joda ty zaka iaby ze natao Josafata vaho Jehorama naho
Ahazia, vaho reo razambeine, reo mpanjaka Joda, vaho reo volamena hisake tao amity efetre famoria tao
antragno Yaveh vaho ty mpanjaka naho nandefa reo tagne amy Hazaela mpanjaka Syria. Le lasa niala tao
Jerosalema ty Hazaela.[19]Laha ty amireo raraha hafa mikasike Joasy, iaby ze nataone, feie tsy le fa voasoratre ao
amity boke ty tantara reo mpanjaka Joda vao zay? [20]Nitsanga reo mpanompone naho niarake nanao hevetre;
tinafy iereo tagne Beti-milo ty Joasy, agne amity lala mizotro mbaeo Sila. [21]Tinafy i Jozakara anadahy Simata, vaho
Jozabada anadahy Somera, mpanompone re, ka mate. Naleve iereo niarake tamireo razambeine tao amity tana
Davida ty Joasy, naho Amazia, anadahine, ro lasa mpanjaka teo amity toerane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 13

[1]Tamity tao fahatelo amby roapolo naha-mpanjaka Joda Joasy andahy Ahazia, ro nanomboke nanjaka teo amy
Israely tagne Samaria ty Joahaza; fito amby folo tao re ro nanjaka. [2]Nanao ze raty teo amaso Yaveh re naho
nagnorike reo hadisoa Jeroboama anadahy Nebata, ze nahavy Israely hanonta; naho tsy niala tamizay ty Joahaza.
[3]Nirehetre tamy Israely ty helo Yaveh, naho natolotre iereo tegne antagna Hazaela mpanjaka Syria zisikagne Re
naho tegne antagna Beni-Hadada anadahy Hazaela. [4]Ka le nangatake Yaveh ty Joahaza, naho nidranjy aze Re
satria hisane ty fampijalea ty Israely, ty fomba nampijalea ty mpanjaka Syria iereo. [5]Ka namea Yaveh mpamonje
ty Israely, naho nilay bakamity tane reo Syriana iereo, naho ty ana Israely nanomboke nitoboke tagne amireo
fitobohane arake ze nanagna iereo taloha.[6]Na zay aza, le tsy niala tamireo hadisoa ty foko Jeroboama iereo, ze
nahavy ty Israely hanonta, naho nanohy zay iereo, naho ty baon'Aseraha nijano tagne Samaria. [7]Ka niala i
Joahaza reo Syriana niarake tamity mpitiki-tsoavale dimampolo, kalese folo, naho miaramila antomboke ray ale
avao, fa ty mpanjaka Syria le fa nandrava iereo, naho nanao iereo hoe ty akofa amity androm-pikosohambare.
[8]Laha ty amireo zaka hafa mikasike i Joahaza, vaho ze nataone iaby naho ty fahefane, feie tsy le fa voasoratre ao
amity boke ty tantara reo mpanjaka Israely vao zay? [9]Ka nimate tagne amireo razane ty Joahaza, naho nandeve
aze tagne Samaria iereo. Le Joasy anadahine ro lasa mpanjaka teo amity toerane.[10]Tamity tao fahafito amby
telopolo naha-mpanjaka Joda i Joasy, ty fanjaka Josay anadahy Joahaza le nanomboke teo amy Israely tagne
Samaria; ene amby folo tao ro nanjakane. Nanao ze raty teo amaso Yaveh re. [11]Tsy mboe niala tamireo hadisoa
Jeroboama anadahy Nebata re, ze nahavy Israely hanonta, feie tagne amirey ro nindehanane.[12]Laha ty amireo
zaka hafa mikasike i Joasy, vaho ze nataone iaby, naho ty herene tamize nialiane tamy Amazia mpanjaka Joda,
feie tsy le fa voasoratre ao amity boke ty tantara reo mpanjaka ty Israely vao zay? [13]Le nimate tagne amireo
razambeine ty Joasy, naho Jeroboama ro nitoboke teo amity sezan-droandriane. Le naleve teo niarake tamireo
mpanjaka tagne Samaria ty Joasy.[14]Naho narare noho ty arete raike ze namono aze ty Elisa tafara atoy, ka nizotro
tagne amine ty Joasy mpanjaka Israely naho nitagny teo amine. Hoe re hoe:" Ry raeko, ry raeko, reo kalese ty
Israely vaho ty mpitiki-tsoavale ro mangalake anao!" [15]Le hoe ty Elisa tamine:" Mangala folese naho bala-folese
maro" ka le nagalake folese vaho bala-folese maro ty Joasy. [16]Hoe ty Elisa tamity mpanjaka Israely hoe:" Anovo eo
amity folese ty tagnanao," ka nataone teo amizay ty tagnane. Bakeo natobo Elisa teo amity tagna ty mpanjaka ty
tagnane.[17]Hoe ty Elisa hoe:" Sokafo mianignana ty lafonete." Le sinokane zay. Le hoe ty Elisa hoe:" Tifiro", ka
nitifitre re. Le hoe ty Elisa:" Zay ro bala-folesem-paharese Yaveh, bala-folesem-paharese Yaveh teo amy Syria, fa
hanafike reo Syriana agne Afeka riha zisike ty andravanao iereo." [18]Le hoe ty Elisa hoe:" Raeso reo folese," ka
nalae Joasy reo. Le hoe re tamity mpanjaka Israely hoe:" Asio amirey ty tane," ka nagnisy ty tane intelo re, naho
nijano bakeo . [19]Feie meloke tamine ty lahilahin'Agnahare ka nanao hoe:" Tokone indime na ignene ro
nagnisianao ty tane. Bakeo le tokone nanafike Syria riha mandram-paharava nao aze, nefa amizao intelo avao
riha ro hanafike i Syria."[20]Bakeo le mate ty Elisa, naho nandeve aze iereo. Naho nisy Moabita nanafike ty tane
tamity voaloha ty tao. [21]Laha nandeve ty lahilahy iereo, le nahisake Moabita raike re, ka nanorake ty vatagne tao
ankibory Elisa. Laha vatane vaho nikasike ty taola Elisa ty fate ty lahilahy, le velo ndraike re naho nitsanga.
[22]Nampijale reo Israely tamity andro Joahaza mpanjaka iaby ty Hazaela mpanjaka Syria. [23]Nefa nandefetre ty
Israely Yaveh, ka niferegnay iereo naho niantra iereo, noho ty fagnenkeam-pilongoa nataone tamy Abrahama,
Isaka, naho Jakoba. ka tsy nandrava iereo Yaveh, naho mboe tsy nandroake iereo tamity fiatrehane Re. [24]Mate ty
Hazaela mpanjaka i Syria, ka i Beni-hadada anadahine ro lasa mpanjaka teo amity toerane. [25]Nampipoly reo tana
ze nalae tamy Joahaza raene tamity aly tamy Beni-hadada ana i Hazaela ty Joasy ana i Hazaela. Intelo ty Joasy ro
nanafike aze, naho nangalake reo tana Israely reo ndraike re.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 14

1Tamity faharoe tao naha-mpanjaka i Joasy anadahy Joahaza, mpanjaka Israely, le nanomboke nanjaka ty Amazia
ana i Joasy, mpanjaka Joda. 2Dime amby roapolo tao re ro nanomboke nanjaka; nanjaka sive amby roapolo tao
tamy Jeroslema re. Ty agnara ty renene le Joadana, bakagne Jerosalema. 3Nanao ze mare teo amaso Yaveh re, fa
tsy manahake Davida raene. Re le nanao ty zaka iaby ze natao Joasy, raene.4Feie tsy nafaha reo toera agnabo.
Nanohy nanao soro vaho nagnoro liten-ketae magnitre tegne amireo toera agnabo reo ty ndaty. 5Naho laha
vatane vaho tafitoboke soa ty fitondrane, le vinonone reo mpanompo ze namono ty raene, le ty mpanjaka.6Fa
mboe tsy vinonone ty ana reo mpamono ndaty, fa nanao arake ty voasoratre tao amity lala, tao amity Boke
Mosesy kea re, arake ty le fa nandilia Yaveh, nanao hoe:" Tsy tokone ho vonoe noho ty hadisoa reo anane reo rae,
na ho vonoe noho ty hadisoa reo rae-amandrenene reo anane. Fa ty ndaty kirai-kiraike kea le tokone ho vonoe
noho ty hadisoane avao." 7Namono miaramila Edomita ray ale re tao amity baibon-tsira re; nalaene tagne agnaly
avao kea ty Sela, naho nataone ty hoe: Joktela, ze fikaiha aze zisikezao.8Naho nandefa mpinday talily ho agne amy
Joasy anadahy Joahaza, anadahy Jeho, mpanjaka Israely ty Amazia nanao hoe:" Avia, andao tika hifanao agne
agnaly." 9Feie Joasy mpanjaka Israely le nandefa mpinday talily himpoly tagne amy Amazia mpanjaka Joda,
nanao hoe:" Ty fatike ze tagne Libanona le nampinday talily ho ahy ty sedera tao Libanona, nanao hoe:' Ameo ho
valy ty anako lahy ty anakampelanao,' feie nisy bibin'ala nandrio naho nandia ty fatike. 10Le fa nanafike i Edoma
vatane riha, le fa nagnakatre anao ty arofonao. Mirehareha amity fahareseanao, feie mijanogna ao antragno, fa
nagnino riha ro tokone hagnoronta vaho hanonta ty vatanao, le riha vaho Joda niarake taminao?"11Fa tsy
nidranjy ty Amazia. Ka nanafike Joasy mpanjaka Israely naho nifagnatre-tarehe tao Bety-semesy re vaho Amazia,
mpanjaka Joda, ze ahy Joda. 12Rese Israely ty Joda, naho nilay noly ty lahilahy iaby.13Tsinepa Joasy mpanjaka
Israely tao Bati-semesy ty Amazia mpanjaka Joda ana i Joasy anadahy Ahazia. Niavy tao Jerosalema re naho
nandrava ty rindry nanomboke teo amity vavahady Efraima zisikagne amity vavahady Zorone, efajato metatre ty
halavane. 14Nalaene iaby ty volamena vaho ty volafoty iaby, reo zaka iaby hisake tao antragno Yaveh, vaho reo
zaka manan-danja iaby tao amity lampa ty mpanjaka, niarake tamireo takalom-pia avao kea, naho nimpoly tagne
Samaria re.15Laha ty amireo zaka hafa mikasike Joasy, iaby ze nataone, ty fahefane, naho ty fomba nialiane tamy
Amazia mpanjaka Joda, feie tsy le fa voasoratre ao agnate ty boke ty tantara reo mpanjaka Israely vao zay?
16Naho nimate niarake tamireo razambeine ty Joasy naho naleve tagne Samaria niarake tamireo mpanjaka
Israely, naho Jeroboama, anadahine, ro lasa mpanjaka nisolo aze.17Amazia ana i Joasy, mpanjaka Joda, le nivelo
dime amby folo tao tafara ty nimateza Joasy, ana i Joahaza, mpanjaka Israely. 18Laha ty amireo zaka hafa
mikasike i Amazia, feie tsy le fa voasoratre ao agnate ty boke ty tantara reo mpanjaka Joda vao zay? 19Nanao
hevetre handiera i Amazia tao Jerosalema iereo, naho nilay tagne Lakisy re. Nilay tagne Lakisy re, feie nandefa
lahilahy hagnorike aze tagne Lakisy iereo naho namono aze tagne.20Niente iereo nimpoly tamity soavale re, naho
nimpoly niarake tamireo razameine tao amity tana Davida. 21Ty vahoake Joda iaby le nangalake i Azaria, te ene
amby folo tao, naho nanao aze ho mpanjaka teo amity toera Amazia raene. 22Azaria ro nagnore ndraike i Elota
nao nanao zay tao Joda, naho nimate niarake tamireo razambeine ty Amazia.23Tamity fahadime amby folo tao
naha-mpanjaka i Amazia, anadahy Joasy mpanjaka Joda, ro nanomboha Jeroboama anadahy Joasy mpanjaka
Israely nanjaka tao Samaria; nanjaka zisike ty raike amby efapolo tao re. 24Nanao raty teo amaso Yaveh re. Tsy
niala tamireo hadisoa natao Jeroboama anadahy Nebata re, ty nahavy ty Israely hanonta. 25Nampimpoly ty sisin-
tane Israely nanomboke teo Lebo Hamata zisikagne amity Riake ty Araba re arake ty safa Yaveh, ty Zagnahare
Israely, ze le fa nirehafene tamy Jona mpanompo ty ana i Amitahy, ty mpaminane, bakagne Gata-hefera.26Fa hisa
Yaveh ty jale Israely, ze vatane nangirifiry tamity iaby iaby, na ty ndevo na ty malio, naho tsy nisy mpagnavotre ty
Israely. 27Ka nirehake Yaveh fa tsy hanimba ty agnara Israely eo amity ambane lagnitre Re, fa vinonjene tamity
alala ty tagna Jeroboama ana i Joasy kea iereo.28Laha ty amireo zaka hafa mikasike i Jeroboama, reo iaby ze
nataone, ty fahefane, ty nialiane vaho nagneregnane i Damaskosy vaho Hamata, zay ahy Joda, ho ahy Israely, feie
tsy le fa voasoratre ao amity boke ty tantara reo mpanjaka Israely vao zay? 29Nimate niarake tamireo razambeine
ty Joroboama, niarake tamireo mpanjaka Israely, naho i Zakaria anadahine ro lasa mpanjaka teo amity toerane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

# Chapter 15

[1]Tamity tao fahafito amby roapolo nanjakaaa Jeroboama mpanjaka Israely, ro nanomboke nanjaka ty Azaria ana
i Amazia mpanjaka Joda. [2]Ene amby folo tao ty Azaria ro nanomboke nanjaka, naho nanjaka tao Jerosalema
zisike ty roe amby dimampolo tao re. Jekolia ro agnaran-drenene, naho bakagne Jerosalema re. [3]Nanao ze mare
amaso Yaveh re, arake ze natao Amazia raene.[4]Na le zay aza le tsy mba nafaha reo toera agnabo. Mboe nanao
soro vaho nagnoro liten-ketae magnitre teo amireo toera agnabo avao ty ndaty. [5]Nampijale ty mpanjaka ty Yaveh
kay ka boka zisikamity andro nifatezane re naho nitoboke tao amina tragno misara-toera. Jotama, anadahy ty
mpanjaka, ro loha ty foko naho nandily teo amity vahoako tao amity tane.[6]Naho ty amireo raraha hafa mikasike i
Azaria, vaho iaby ze nataone, feie tsy le fa voasoratre ao amity boke ty tantara reo mpanjaka Joda vao zay? [7]Ka
nimate niarake tamireo razambeine ty Azaria, naleve iereo tagne amity tana Davida niarake tamireo razambeine
re. I Jotama, anadahine, ro lasa mpanjaka nisolo ty toerane.[8]Tamity fahavalo amby telopolo tao nanjaka Ahazia
mpanjaka Joda, le Zakaria ana i Jeroboama ro nanjaka teo amy Israely tagne Samaria zisike ty enem-bola. [9]Nanao
ze raty teo amaso Yaveh re, manahake ty natao reo razane. Tsy niala tamity hadisoa Jeroboama ana i Nebata, ze
nahavy ty Israely nanonta re.[10]Nimonomono handietre i Zakaria ty Saloma ana i Jabesy, nanafike aze tagne
Ibleama, naho namono aze. Le lasa mpanjaka nisolo ty toerane re. [11]Ty amity raraka hafa mikasike i Zakaria, le
voasoratre ao amity boke ty tantara reo mpanjaka Israely reo. Zao ro safa Yaveh ze nataliline tamy Jeho, manao
hoe:" Hitoboke eo amity sezan-droandria Israely zisikamity foko fahefatre nisolo ty fokonao." Le niseho zay.
[13]Nanomboke nanjaka Saloma ana i Jabesy tamity fahasive amby telopolo tao nanjaka i Azaria mpanjaka Joda,
naho nanjaka volane raike avao tao Samaria re. [14]Naho niakatre bakagne Tirza ho agne Samaria i Menahama ana
i Gady. Tagne ro nanafihane i Saloma ana i Jabesy, tao Samaria. Namono aze re ka lasa mpanjaka nisolo ty
toerane.[15]Ty amity raraha hafa mikasike i Saloma vaho ty monomono nataone, le voasoratre ao amity boke ty
tantara reo mpanjaka Israely zay. [16]Le nanafike i Tifsa vaho reo iaby teo, vaho ty sisin-tane nagnodidy i Tirza ty
Menahama, satria tsy vinoha iereo ho aze ty tana. Ka tinafine zay, naho tinatane iaby reo ampela bevoka tao
amize tana zay.[17]Tamity fahasive amby telopolo tao nanjaka Azaria mpanjaka Joda, le nanomboke nanjaka teo
amy Israely ty Menahama ana i Gady; nanjaka zisike ty folo tao ta Samaria re. [18]Nanao ze raty teo amaso Yaveh
re. Zisike ty androm-pivelomane, le tsy niala tamity hadisoa Jeroboama ana i Nebata re, ze nahavy ty Israely
nanonta.[19]Naho niavy handietre ty tane ty Pola mpanjaka Asyria, naho namea Menahema talenta volafoty arivo
ty Pola, mba hiomba aze ty fanohagna Pola ka hahamafe ty fanjaka Israely teo antanane. [20]Nalae Menahama
bakamity Israely tamity alala ty fitakea ty ndaty manan-karea kirai-kiraike mba handoa sekele volafoty
dimampolo amine mba hamea ty mpanjaka Asyria vola ao. Ka nitoli-doda nihere ty mpanjaka Asyria naho tsy
nitoboke tao amity tane.[21]Laha ty amireo raraha hafa mikasike i Menahema, vaho reo iaby nataone, feie tsy le fa
voasoratre ao amity boke ty tantara reo mpanjaka Israely vao zay? [22]Naho nimate niarake tamireo razambeine ty
Menahema, ka Pekahia anane ro lasa mpanjaka nisolo ty toerane.[23]Naho tamity faha-dimampolo tao nanjaka
Azaria mpanjaka Joda, ro nanomboke nanjaka teo amy Israely tao Samaria ty Pekahia ana i Menahema; nanjaka
zisike ty roe tao re. [24]Nanao ze raty teo amaso Yaveh re. Tsy mba nagnary ty hadisoa Jeroboama ana i Nebata, ze
nahavy ty Israely nanonta re.[25]Nana nama raike natao ty hoe: Peka ana i Remalia ty Pekahia, ze nimonomono
handietre aze. Niarake tamireo dimampolo lahy Gileada, le namono i Pekahia vaho Argoba naho Aria tagne
Samaria ty Peka, tao amity tragno manda ty lampa ty mpanjaka. Vinono Peka ty Pekahia naho re ro lasa
mpanjaka nisolo ty toerane. [26]Laha ty amity raraha mikasike i Pekahia, vaho reo iaby ze nataone, le voasoratre ao
amity boke ty tantara reo mpanjaka Israely zay.[27]Tamity faharoe amby dimampolo tao nanjaka Azaria mpanjaka
Joda, ro anomboke ty Peka ana i Remalia nanjaka teo amy Israely tao Samaria; nanjaka zisike ty roapolo tao re.
[28]Nanao ze raty teo amaso Yaveh re. Tsy niala tamity hadisoa Jeroboama ana i Nebata, ze nahavy ty Israely
nanonta re.[29]Tamity andro Peka mpanjaka Israely, le niavy ka nangalake Iona, Abela-beti-maka, Janoa, Kadesy,
Hazora, Gileada, Galilia, naho ty tane Naftaly iaby ty Tiglato-pilesera mpanjaka Asyria. Naho ninday ty vahoake
nimbaeo Asyria re. [30]Ka le nanao monomono nandietre i Peka ana i Remalia ty Hosea ana i Ela. Nanafike aze re ka
namono aze. Le lasa mpanjaka nisolo ty toerane re, tamity faharoapolo tao nanjaka Jotama ana i Ozia. [31]Laha ty
amity raraha mikasike i Peka, vaho iaby ze nataone, le voasoratre ao amity boke ty tantara ty mpanjaka Israely
zay.[32]Tamity tao faharoe nanjaka Peka ana i Remalia, mpanjaka Israely, le nanomboke nanjaka ty Jotama ana i
Azaria, mpanjaka Joda. [33]Dime amby roapolo tao re tamy nanomboke nanjaka; nanjaka zisike ty ene amby folo
tao tamy Jerosalema re. Jerosa ro agnara ty renene; anakampela Zadoka re.[34]Nanao ze mare teo amaso Yaveh ty
Jotama. Nagnorike ty ohatre iaby ze natao Azaria raene re. [35]Kanefa, tsy mba nafaha reo toera agnabo. Mboe
nanao soro vaho nagnoro liten-ketae magnitre teo amireo toera agnabo avao ty vahoake. Natsanga Jotama ty
vavahady ambone Yaveh. [36]Laha ty amireo raraha hafa mikasike Jotama, vaho iaby ze nataone, feie tsy le fa

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

voasoratre ao amity boke ty tantara reo mpanjaka Joda vao zay? [37]Tamize andro zay Yaveh le nanomboke
nagnirake i Rezina mpanjaka Arama, vaho Peka ana i Remalia, handietre i Joda. [38]Nimate niarake tamireo
razambeine ty Jotama naho naleve niarake tamireo razambeine tao amity tana Davida, razane. Naho Ahaza,
anadahine, ro lasa mpanjaka nisolo ty toerane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 16

[1]Tamity fahafito amby folo nanjaka i Peka ana i Remalia, ro nanomboke nanjaka ty Ahaza ana i Jotama mpanjaka
Joda. [2]Roapolo tao ty Ahaza ro nanomboke nanjaka, nanjaka zisike ty fito amby folo tao ta Jerosalema re. Tsy
nanao ze mare teo amaso Yaveh Zagnaharene, hoe ty natao Davida razambeine re.[3]Fa kea, nagnorike ty lala reo
mpanjaka Israely re; nataone tao agnate afo ho fagnatetre oroa ty anane lahy, ho fagnoriha reo fagnanara raty
reo firene, ze le fa rinoa Yaveh teo agnoloa ty vahoake Israely. [4]Nanolotre fagnatetre re vaho nagnoro liten-ketae
magnitre tagne amireo toera agnabo, tegne amireo tazoa, naho tegne ambane ty hetae maintso iaby.[5]Naho Rezina,
mpanjaka Syria vaho Peka ana Remalia, mpanjaka Israely le niakatre mba hanafike i Jerosalema. Nanao
faherano i Ahaza iereo, nefa tsy naharese aze iereo. [6]Tamize andro zay, ty Rezina mpanjaka Syria le nimpoly
nangalake Elota ho ahy Syria naho nandroake reo ndaty Joda hiala i Elota. Bakeo le nimbaeo Elota reo Syriana
agne amize le fa nitoboha iereo zisike androany.[7]Ka nandefa mpinday talily ho agne amy Tiglato-pilesera
mpanjaka Asyria ty Ahaza, manao hoe:" Mpanomponao raho vaho ananao." Mitsangana naho vonjeo eo amity
tagna ty mpanjaka Syria vaho ty tagna ty mpanjaka Israely, ze le fa nanafike ahy raho." [8]Le nalae Ahaza ty
volafoty vaho ty volamena ze hisane tao antragno Yaveh vaho teo amireo harea ty lampa ty mpanjaka naho
nalefane ho fomea ho ahy ty mpanjaka Asyria. [9]Le nidranjy aze ty mpanjaka Asyria, naho niakatre nandietre i
Damaskosy ty mpanjaka Asyria, naharese zay vaho nangalake reo vahoake ho gadra ho ahy Kira. Vinonone avao
kea ty Rezina mpanjaka Syria.[10]Nindeha tagne Damaskosy ty Ahaza mpanjaka mba hifankahisake amy Tiglato-
pilesera mpanjaka Asyria. Nahisake alitara raike tao Damasoksy re. Nandefa ty modele vaho ty sare ty alitara
naho ty toerane ty asa paie iaby tagne amy Oria mpisoro re. [11]Oria mpisoro le nagnamboatre alitara mitovy
amireo voatre le fa nalefa i Ahaza mpanjaka bakagne Damaskosy. Vinitane taloha ty nimpolia Ahaza mpanjaka
bakagne Damaskosy ty mpanjaka le nahisake alitara; namonje ty alitara ty mpanjaka vaho nanese fagnatetre
amizay eo .[13]Nanao fagnatetre oroa vaho fagnatetre vare re, naho nagnily ty fagnatene finome vaho namitse ty lio
bakamity fagnatem-pilongoa ze teo agnoloa Yaveh__le nalaene teo agnoloa ty tempoly, bakeo agnivo ty alitarane
vaho ty tempoly Yaveh naho nataone teo amity faritre avara ty alitara zay.[15]Bakeo le nandily Oria mpisoro Ahaza
mpanjaka nanao hoe:" Eo ambone ty alitara bey ro hagnoroa ty fagnatetre oroa ty maray naho ty hariva le ty
fagnatetre vare, naho reo fagnatetre oroa ty mpanjaka vaho fagnatetre vare, miarake amireo fagnatetre oroa ty
vahoake ty tane iaby, vaho reo fagnatetre vare naho reo ambone zay ty lio iaby bakamity fagnatetre oroa, naho ty
lio iaby bakamity soro. Fa ty alitara varahy le ho ahy mba ho fangala dineke." [16]Le nanao arake ze nandilia Ahaza
mpanjaka aze ty Oria mpisoro.[17]Bakeo le nafaha Ahaza mpanjaka teo amity tsangana ketae afindra reo takelake
vaho reo koveta; nazotrone avao kea ty koveta teo amity agnombe varahy ze teo ambane zay naho natoboke teo
amity lampim-bato zay. [18]Noho ty mpanjaka Asyria, le nalane reo fanakofa ho ahy ty Sabata ze le fa namboare
iereo tao antempoly, amity filira ty mpanjaka teo ambaly ty tempoly Yaveh.[19]Laha ty raraha hafa mikasike i Ahaza
vaho iaby ze nataone, feie tsy le fa voasoratre ao agnate ty boke ty tantara reo mpanjaka Joda vao zay? [20]Nimate
vaho naleve tao antana Davida ty Ahaza. Lasa mpanjaka nisolo aze ty Hezekia anadahine.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 17

[1]Tamity tao faharoe amby folo nanjaka Ahaza mpanjaka Joda, ro nanomboke ty fanjaka Hosea ana i ELaha.
Nanjaka tao Samaria nagnera ty Israely zisike ty sive tao re. [2]Nanao ze raty teo amaso Yaveh re, tsy nanahake reo
mpanjaka Israely ze taloha. [3]Nanafike aze ty Salmanesera mpanjaka Asyria, ka lasa mpanompone ty Hosea naho
ninday fagnomean-kasy ho aze.[4]Naho hisa ty mpanjaka Asyria fa nidineke handietre aze ty Hosea, satria nandefa
mpinday talily nimbaeo amy So mpanjaka Egypta ty Hosea; naho kea, tsy mba nanolotre fagnomean-kasy ho ahy
ty mpanjaka Asyria re, manahake ty nataone isan-tao isan-tao. Ka hinily ty mpanjaka Asyria re naho finehene
tagne am-ponja. [5]Bakeo le nanafike nagnera ty tane iaby ty mpanjaka Asyria, naho nanafike i Samaria vaho
nanao faherano zay zisike ty telo tao. [6]Tamity tao fahasive naha-mpanjaka i Hosea, le nangalake Samaria vaho
ninday ty Israely lavitre Asyria ty mpanjaka Asyria. Nanao iereo tagne Hala re, tao amity Habora rano i Gozana,
naho tagne amity tana ty Mediana.[7]Niseho ze fahazoa zay satria nanonta tamy Yaveh Zagnahare iereo ty vahoake
Israely, ze ninday iereo niakatre bakagne amity tane Egypta, bakeo ambane fifehea Farao mpanjaka Egypta. Le fa
nanompo zagnahare-hafa reo vahoake [8]ka nindeha tamity fatao reo firene ze le fa rinava Yaveh teo agnoloa reo
ana Israely, vaho tamity fatao reo mpanjaka Israely ze le fa natao iereo.[9]Ty ana Israely__le nanao reo zaka ze tsy
mare ambalike__handietre Yaveh Zagnahare iereo. Nagnore fitoera agnabo ho aze magnera reo tanane iereo,
zisikagne amity tilikambo fiambena ka hatragne amity manda fiarova. [10]Nagnore tsangam-bato vaho baon-
Aseraha tegne amity tazoa agnabo iaby vaho tagne ambane ty hetae maintso iaby avao kea iereo.[11]Tegne iereo ro
nagnoro liten-ketae magnitre tamireo fitoera agnabo iaby, manahake ty natao reo firene, reo ze niente Yaveh teo
agnoloa iereo. Nanao zaka-raty reo Israelita mba hahavy Yaveh ho meloke; [12]iereo le nanompo sampe, miomba ze
le fa nisafagne Yaveh iereo hoe:" Tsy hanao zay zaka zay nareo."[13]Nefa Yaveh le fa nagnambara tamy Israely vaho
tamy Joda tamity alala ty mpaminane kirai-kiraike vaho ty mpahisake kirai-kiraike, nanao hoe:" Miala amireo
fomba ratinareo ka ambeno reo liliko vaho reo lalako, naho mimetea hagnorike ty lala iaby nandiliako reo
razanareo, naho ze niraheko ho aminareo tamity alala reo mpaminane mpanompoko.[14]Kanefa tsy nidranjy iereo;
fa kea mafe loha vatane manahake reo razane ze tsy natoky Yaveh Zagnahare iereo. [15]Niliere iereo ty lalane vaho
ty fagnenkeam-pilongoa ze nataone tamireo razane, naho reo lily fagnenkea ze nameane iereo. Nagnorike fomba
tsy nisy ipaia aze iereo naho ty vata iereo vatane ro lasa tsy nisy antone. Nagnorike reo firene mpanompo sampe
ze nagnodidy aze iereo, le reo ze nandilia Yaveh iereo tsy ho tahafe.[16]Iereo le nanao tsinontsino reo lily iaby
Yaveh Zagnahare iereo. Nagnamboatre saren-anakagnombe roe vita tamity vy iereo mba ho tompoe. Namboatre
baon'Aseraha iereo, naho nanompo Bala vaho reo kinta iaby tegne andagnitre. [17]Nalefa iereo tagnate afo reo
anadahy vaho anakampela iereo, nampiasa reo sikily vaho fagnosavia, nivarotre ty vata iereo mba hanao ze raty
teo amaso Yaveh, vaho nahavy aze ho meloke. [18]Laha zao le meloke mafe tamy Israely Yaveh ka nagnafake iereo
tsy ho amasone eo. Tsy nisy na raike aza tafijano laha tsy ty foko Joda arere avao.[19]Na le Joda aza tsy nahata ty lily
Yaveh Zagnahare iereo, fa kea nagnorike fanompoan-tsampe nitovy tamizay norihe Israely. [20]Laha zao le niliere
Yaveh iaby reo foko Israely iaby; nampijalene iereo naho natolone tegne antagna reo ze mpangalake ty fanagna
iereo, mpan-drapirava iereo tsy ho amasone eo.[21]Nagnafake ty Israely tamity fitohiam-poko Davida Re, naho
nametrake Jeroboama anadahy Nebata mpanjaka. Nitarike ty Israely hiala tamity fagnoriha Yaveh ty Jeroboama
naho nampanao hadisoa foloay iereo. [22]Nagnorike ty hadisoa Jeroboama iaby ty ana i Israely naho tsy niala
tamirey iereo, [23]ka nafaha Yaveh teo amaso Israely, arake ty nirehafene tamireo mpaminane mpanompone iaby
fa hataone. Le nientene lavitre ambaly ty tane iereo tagne Asyria ty Israely, naho mboe agne avao zisike zao.
[24]Ninday vahoake bakagne Babylona vaho bakagne Kota, vaho bakagne Ava, vaho bakagne Hamata vaho
Sefarivaima ty mpanjaka Asyria, ka nametrake iereo tagne amity tana Samaria teo amity toera ty ana Israely. Le
nahazo i Samaria rey ka nitoboke teo amity tanane. [25]Naho tamity voaloha ty fitoboha iereo tagne le tsy
nagnomea hasy Yaveh iereo. Ka nandefa liona tamiereo ze namono ty ilane tamiereo Yaveh. [26]Le nirehake tamity
mpanjaka Asyria iereo, nanao hoe:" Reo firene ze baka nientenao vaho natobonao tato amity tana Samaria le tsy
mahay reo fomba paie ty zagnahare ty tane. Ka nandefa liona teo amiereo re, naho, ingo, mamono ty ndaty reo
liona satria tsy mahay reo fomba paie ty zagnahare ty tane iereo."[27]Naho ty mpanjaka Asyria nibaiko, nanao hoe:"
Alao ty raike amireo mpisoro ze nientenareo bakagne, ka ao re hindeha vaho hitoboke agne, naho ao re
hagnanatre iereo ty fomba ze paie ty zagnahare ty tane." [28]Ka niavy nitoboke tagne Betela ty raike tamireo
mpisoro ze baka niente iereo bakagne Samaria; nagnanatre iereo ty fomba tokone hiantsa iereo Yaveh re.[29]Nanao
zagnahare ho aze iaby reo foko kirai-kiraike, ka nametrake iereo tegne amity fitoera agnabo ze natao reo
Samaritana__ty foko kirai-kiraike tagne amity tana nitobohane iaby. [30]Ty vahoake Babylona nagnamboatre i
Sokota-benota; ty vahoake Kota nagnamboatre i Nergala; ty vahoake Hamata nagnamboatre i Asima; [31]reo Avita
nagnamboatre i Nibaza vaho Tartaka. Reo Sefarvita nagnoro reo anane tao amity afo ho ahy Adrameleka vaho


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Anameleka, zagnahare ty Sefarvaima.[32]Nagnomea hasy Yaveh avao kea iereo, ka nanendre mpisoro reo fitoboha agnabo bakamireo, ze nanao soro ho ahy reo tao amity tempoly tao amireo toera agnabo. [33]Nagnomea hasy Yaveh iereo vaho nanompo reo zagnahare iereo, tamity fomba fatao reo firene tamize le fa niente iereo.[34]Hatramize andro zao le mivasa amireo fomba fatao iereo taloha iereo. Vaho tsy magnomea hasy Yaveh iereo, ro tsy magnorike reo lily aman-dala ze natolo Yaveh tamity vahoake Jakoba__ze nataone ty hoe: Israely__[35]naho tamize nanova Yaveh fagnenkea vaho nandiliane iereo hoe:" Tsy hatahotre zagnahare hafa nareo, na hihohoke amizao, na hanompo irey, na hanao fiaolo ho ahy rey.[36]Nefa Yaveh, ze ninday anareo niakatre bakagne amity tane Egypta tamity here foloay vaho tagna niakatre, ro raike ze tsy maintsy ameanareo hasy; Re ro hihohofanareo, naho ho aze ty soro ataonareo. [37]Reo lily aman-dala ze sinorane ho anareo, ho tana nareo zisikagne rey. Laha zao ko matahotre zagnahare hafa nareo, [38]naho ty fagnenkeam-pilongoa ze le fa nataoko taminareo, le tsy ho halignoenareo; na nareo hagnomea hasy zagnahare hafa.[39]Fa Yaveh Zagnaharenareo ro hameanareo hasy. Re ro hamonje anareo amity here reo fahavalonareo." [40]Tsy nidranjy iereo, satria nanohy nanao ze natao iereo tagne amity lasa iereo. [41]Ka le natahotre Yaveh reo firene naho nanompo reo saren-jaka voasokiereo avao kea iereo, naho nanao hoe zay avao kea reo ana iereo__manahake ze natao ty foko ty ana iereo. Manohy manao ze natao reo razane zisikagne iereo, zisikezao.

## Chapter 18

[1]Naho tamity tao fahatelo nanjaka Hosea ana i Elaha, mpanjaka Israely, ro nanomboke nanjaka ty Hezekia ana i
Ahaza, mpanjaka Joda. [2]Dime amby roapolo tao re ro nanomboke nanjaka; nanjaka sive amby roapolo tao tagne
Jerosalema re. Ty agnaran-drenene le i Aby; anakampela Zakaria re. [3]Naho nanao ze mahity teo amaso Yaveh re,
nagnorike ty ohatre iaby ze le fa natao Davida razambeine.[4]Nagnafake reo toera agnabo re, nandrava reo ambe
vato, naho nanampake reo baon'Aseraha. Nanampantampake ty menara varahy ze natao i Mosesy re, satria
tamireo andro reo ro nagnoroa ty vahoake Israely ty liten-ketae magnitre ho ahy zay; zay le natao hoe:"
Nehostana." [5]Natoky Yaveh, ty Zagnahare Israely ty Kezekia, mba tsy hisy ndaty hitovy amine ao afarane eo
amireo mpanjaka Joda iaby, na eo amireo mpanjaka ze talohane.[6]Fa niarake tamy Yaveh re. Tsy nijano nagnorike
aze re naho niambe reo liline, ze nandilia Yaveh Mosesy. [7]Ka niomba Hezekia Yaveh, naho na aia aia nombane le
nambine re. Niarake nandietre ty mpanjaka Asyria re naho tsy nanompo aze. [8]Nanafike reo Filistina zisikagne
Gaza vaho ty sisin-tane magnodidy re, zisikagne amity tilikambo reo mpiambe ka zisikagne amity tana voaaro
mafe.[9]Naho tamity tao fahaefatre nanjaka Hezekia Mpanjaka, ze tao fahafito nanjaka Hosea ana i Elaha
mpanjaka Israely, le niakatre handietre i Samaria ty Salmanesera mpanjaka Asyria naho nanao faherano zay.
[10]Naho tamity fiafara ty tao fahatelo ro nangala iereo zay, le tamity tao fahaene nanjaka Hezekia, ze tao fahasive
nanjaka Hosea mpanjaka Israely; zay ro fomba nitsepaha i Samaria.[11]Ka niente ty mpanjaka Asyria tagne Asyria
ty Israely, naho nataone tao Hala, teo amity Rano Habora tagne Gozana, naho tao amireo tana Mediana iereo.
[12]Nanao zay re satria tsy nagnenke ty feo Yaveh Zagnaharene iereo, fa kea nandika ty rehake ty nifagnenkea, iaby
ze nandilia Mosesy mpanompo Yaveh iereo. Nilietre hidranjy na hanao zay iereo.[13]Naho tamity tao fahaefatre
amby folo nanjaka Hezekia Mpanjaka, Sankeriba mpanjaka Asyria le nanafike ty tana voaaro mafe iaby Joda ka
nangalake reo. [14]Ka nandefa talily tagne amity mpanjaka Asyria, ze tane Lakisy ty Hezekia mpanjaka Joda nanao
hoe:" Le fa nanohy anao raho. Miala amiko. Na ino ino hampindesenao ahy le ho enteko." Le nitake tamy Hezekia
mpanjaka Joda mba handoa ty talenta volafoty telonjato vaho talenta volamena telopolo ty mpanjaka Asyria. [15]Ka
namea Hezekia aze ty volafoty iaby ze hisake tao amireo tragno Yaveh vaho tao amireo fitobohan-jaka lafo-vily ty
lampa ty mpanjaka.[16]Le nafaha Hezekia ty volamena teo amity tempoly Yaveh vaho teo amity ambe ze
nametahane takelam-bolamena; naho nameane ty mpanjaka Asyria ty volamena. [17]Nefa ty mpanjaka Asyria
nagnetseke ty tafine foloay, nagnirake i Tartana vaho Raba-sarisa naho ty bey ty mpifehe bakagne Lakisy ho agne
amy Hezekia mpanjaka ao Jerosalema. Nindeha niakatre tamity lala iereo naho niavy tao ambaly Jerosalema.
Namonje ty lakan-drano ty kamory ambone iereo, teo andalambey ty baibo ty mpamotsy lamba, naho nijano teo
amizay. [18]Laha fa nikaike i Hezekia Mpanjaka iereo, le niakatre mba hagnente iereo ty Eliakima anadahy Hilkia,
ze nandily ty foko, vaho Sebna mpanora-dala, naho Joa anadahy Asafa, mpitahiry talily.[19]Naho ty bey ty mpifehe
nirehake iereo mba hitalily amy Hezekia ze nirehafe ty mpanjaka bey, mpanjaka Asyria, manao hoe:" Ino ro
loharano ty fatokianao? [20]Rehake tsy misy antone ro rehafenao, manao hoe misy nama vaho here ho amity aly.
Naho amizao ia ro atokisanao? Ia ro nagnomea herem-po anao havande handietre ahy? [21]Ingo, matoky ty tehe
volontara torotoro ty Egypta riha, kanefa laha mitehe amizay ty ndaty, le hipiteke eo amity tagnane zay ka
handoake zay. Manahake zay ty Farao mpanjaka Egypta amireo iaby matoky aze.[22]Fa laha mirehake amiko riha
hoe:' Matoky Yaveh Zagnahare zahay, feie vao tsy re ty raike ze nangalake reo toera agnabo vaho ty alitara ze
nalae Hezekia, naho nitalily tamy Joda vaho Jerosalema hoe:' Tsy maintsy manompo eo agnoloa ty alitara
Jerosalema toy riha'? [23]Amizao are, te-hanolotre fagnatetre soa bakamity tompoko mpanjaka Asyria raho.
Hameako Soavale roe arivo riha, laha mahisake mpitikitre aze reo.[24]Hataonao akore ty mandietre na le ty raike
amity kapitene ze kele vatane amireo mpanompo ty tompoko aza? Le fa nametrake ty fatokianao tagne Egypta ho
ahy reo kalese vaho ty mpitiki-tsoavale riha! [25]Feie le fa nindeha niakatre tsy nisy Yaveh mba hialy handietre
vaho handrava ty toera toy vao raho? Hoe Yaveh tamiko:' Tafiho naho aravao ty tane toy."'[26]Bakeo Eliakima
anadahy Hilkia, vaho Sebna, naho Joa nirehake tamity bey ty mpifehe hoe:" Mba rehafo amity firehake Syriana
rie reo mpanomponao, fa azonay zay. Ko mirehake aminay amity firehake Joda eo amity sofy ty ndaty ze eo amity
rindry." [27]Nefa hoe ty bey ty mpifehe tamiereo hoe:" Feie vao nandefa ahy ho agne amity tomponao vaho riha ty
tompoko mba hitalily reo rehake reo? Feie vao raho nalefane tagne amireo lahilahy mitoboke eo amity rindry, ia
ro tsy maintsy hihina ty malotene vaho hino ty amany iereo arere miarake aminao?"[28]Naho ty bey ty mpifehe
nitsanga vaho nikaike tamity feo mafe tamity firehake Jiosy hoe:" Dranjigno ty rehake ty mpanjaka bey, le ty
mpanjaka Asyria. [29]Zao ro ambara ty mpanjaka,' ko mete hofitahe Hezekia nareo, fa tsy afake ty hamonje anao
amity fahefako re. [30]Ko mamototre Hezekia hampatoky anao Yaveh, manao hoe:" Hamonje antika vatane Yaveh,
naho ty tana toy le tsy hatolotre ho eo antagna ty mpanjaka Asyria."'[31]Ko midranjy i Hezekia, fa zao ro reha ty
mpanjaka Asyria hoe:' Milongoa amiko naho miaraha amiko. Naho ty kirai-kiraike baka aminareo le sambe


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

hihina amity voalobone vaho ty hetaen'aviavine, naho hino ty rano ao amity famorian-dranone. [32]Hanao zay
mandra-pihaviako vaho hindaisako anareo agne amity tane hoe ty tanenareo arere, tane tsy misy vare vaho
voaloboke vaovao, tane misy mofo vaho tanem-boaloboke, tane misy hetae oliva vaho tantele mba ho velo nareo
fa tsy ho mate.' Ko midranjy i Hezekia laha miezake mandrese lahatre anareo re, manao hoe:' Hamonje antika
Yaveh.'[33]Feie nisy nahavonje iereo teo antagna ty mpanjaka Asyria vao reo zagnahare ty ndaty? Aia vao reo
zagnahare Hamata vaho Arpada? [34]Aia vao reo zagnahare i Sefarvaima, vaho Hena, naho Iva? Nahavonje i
Samaria teto antagnako vao iereo? [35]Eo amity zagnahare ty tane iaby, feie vao le fa nisy zagnahare nahavonje ty
tanene tamity fahefako? Akore ro hahafaha Yaveh mamonje i Jerosalema amity hereko?"[36]Kanefa nitsy ty ndaty
naho tsy namale, satria le fa nandily ty mpanjaka hoe:" Ko mamale aze." [37]Bakeo Eliakima, ana i Hilkia, ty
ambone teo amity foko; vaho Sebna ty mpanora-dala; naho Joa ana i Asafa, ty mpitan-tsoratre, nilitre nimbaeo
amy Hezekia niarake tamireo siky iereo riatre, naho ninday ty reha ty bey ty mpifehe tamine.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 19

[1]Naho laha fa rey Hezekia Mpanjaka ty talily iereo, le nandriatre ty akanjone re, nanao akanjo fandala, naho
nilitre tao antragno Yaveh. [2]Nagnirake i Eliakima ze bey ty tanapa re, vaho Sebna ty mpanora-dala, naho reo loha
ty mpisoro, sambe nisiky ty akanjo fandala iaby, ho agne amy Isaia anadahy Amoza, ty mpaminane.[3]Le hoe iereo
tamine:" Zao ro safa Hezekia:' ty andro toy ro andro ty fijalea, fagnaliloa, naho fagnafaham-baraka, le fa mba ho
terake ty kolo, nefa tsy misy here mba hiteraha iereo. [4]Asa mete ho rey Yaveh Zagnaharenao ty rehake iaby natao
ty bey ty mpifehe, ze nirahe ty mpanjaka Asyria tompone mba hipay an'Agnahare velo, naho hamale reo rehake
ze le fa rey Yaveh Zagnaharenao. Ka akaro ho ahy ze sisa mboe eto ty vavakenao amizao."'[5]Naho niavy tagne amy
Isaia ty mpanompo Hezekia mpanjaka, [6]naho Isaia nanao tamiereo hoe:" Ambarao amity tomponareo fa:' Zao ro
reha Yaveh:" Ko matahotre ty amity rehake ze le fa reinao, ze le fa nagnaratia ty mpanompo ty mpanjaka Asyria
ahy. [7]Ingo, hametrake fagnahy ao amine raho, naho haharey siosio re ka himpoly agne amity tanene. Hataoko
lavo ty meso ao amity tanene re."'"'[8]Le nimpoly ty bey ty mpifehe naho nahisake ty mpanjaka Asyria nialy tamy
Libna, fa re le fa naharey fa le fa niala tao Lakisy ty mpanjaka. [9]Naho Sankeriba naharey fa i Tiraka mpanjaka i
Etiopia vaho Egypta le fa nivogno ty hialy amine, laha zao le nagnirake mpinday talily ho agne amy Hezekia
ndraike re hoe:[10]"Ambarao amy Hezekia mpanjaka Joda hoe:' Ko enga hamitake anao ty Zagnahare ze atokisanao
ka hanao hoe:" Jerosalema le tsy hamea ho eo antagna ty mpanjaka Asyria." [11]Ingo, le fa reinao ty zaka ze le fa
natao ty mpanjaka Asyria tamity tane iaby tamity famoteha vatane reo. Ka ho voavonje vao riha?[12]Le fa namonje
iereo vao ty zagnahare ty firene, reo firene ze pinote ty razako: le i Gozana, Harana, Razefa, naho ty vahoake
Edena tao Telasara? [13]Aia ty mpanjaka Hamata, ty mpanjaka Arpada, ty mpanjaka ty tana Sefarvaima, Hena, naho
Iva?"'[14]Voarae Hezekia ty taratasy tagne amireo mpinday talily naho vinakine zay. Bakeo le niakatre tagne
antragno Yaveh re ka namoha zay teo agnoloane. [15]Le nivavake teo agnoloa Yaveh ty Hezekia, naho nanao hoe:"
Ry Yaveh tompo ty maro, Zagnahare Israely, Riha ze mitoboke eo ambone ty kerobima, Riha ro Zagnahare arere
magnera ty fanjaka iaby eto antane. Riha ro nanao ty lagnitre vaho ty tane.[16]Atongilagno ty sofinao, ry Yaveh,
naho midranjigna. Ampagnenteo ty masonao, ry Yaveh, ka magnentea, naho dranjigno ty reha Sankeriba, ze le fa
nirahene mba handratiraty ty Zagnahare velo. [17]Eka mare, ry Yaveh, le fa nandrava reo firene vaho ty tanene
vatane ty mpanjaka Asyria. [18]Le fa nagnoro ty zagnahare iereo tao agnate afo iereo, satria tsy zagnahare reo fa
asa-tagna ty ndaty, hetae vaho vato avao. Ka pinote Asyriana iereo.[19]Ka amizao, ry Yaveh Zagnaharenay,
mangatake Aminao raho, vonjeo amity herene zahay, mba hahaia ty fanjaka iaby eto antane fa Riha, Yaveh, ro
Zagnahare arere."[20]Naho Isaia anadahy Amoza nandefa talily tagne amy Hezekia, nanao hoe:" Yaveh, Zagnahare
Israely nirehake hoe:' Satria le fa nivavake tamiko ty amy Sankeriba mpanjaka ASyria riha, le nindranjy anao
raho. [21]Zao ro rehake rehafe Yaveh mikasike aze:" Ty anakampela varijine Ziona manao tsinontsino anao vaho
mihehe ho amity fahafaham-baraka. Ty anakampela Jerosalema magnili-kili-doha aminao. [22]Ia ro le fa pinainao
vaho rinatiratinao? Handietre ania ro nagnakaranao ty feonao vaho nagnandrandranao ty masonao
ampirehareha? Handietre ty Masy Israely![23]Tamity alala reo iranao ro nipaianao ty Tompo, naho nanao ty hoe:'
Tamity kaleseko maro ro niakarako tagne ambone ty Vohitse, ty fiakara agnabo vatane tagne Libanona.
Hotampaheko ty sedera lava vaho ty Kypreso voamare nao. Hilitre amity faritre lavitre vatane raho, ao amize
alane mamokatre vatane. [24]Le fa nihaly lava-drano raho naho le fa nino ty rano ty firenen-kafa. Le fa nagnamaike
ty rano Egypta iaby ho eo antomboko raho.'[25]Tsy reinao vao ty fomba nagnomanako zay zisikamity ela vaho ty
niasako zay tamity andro taloha? Amizao le fa hanao zay raho. Eo riha mba handrava reo tana manda ho lasa
korontam-bato. [26]Reo vahoake ao amine, ze kele here, le torotoro vaho megnatre. Zaka-mitiry egne ambaibo iereo,
akata-maintso, akata egne ambone tafo na egne ambaibo, noroa aloha ty nitiriane.[27]Fa zaho mahay ty
fitobohanao, ty fiakaranao, ty filiranao, naho ty helonao amiko. [28]Noho ty helonao amiko, naho satria rey ty sofiko
ty avognavonao, le hametrake ty farangoko amity oronao Raho, naho ao amity vavanao ty lamboridiko; hataoko
mihere amity lala niboahanao riha."[29]Zao ro famantara ho anao: Hihina zaka mitiry tsy sitrampo nareo amity tao
toy, naho ty tao magnarake le ty limbe zay. Fa amity tao fahatelo kea le hambole vaho hihaza nareo, hambole
tanem-boaloboke ka hihina ty voane. [30]Ty sisa amity foko Joda ze mboe velo le hisy tahone ndraike ka hihabey
naho hamoa. [31]Fa hisy sisa hiakatre bakagne Jerosalema, bakagne ambohitse Ziona ro hiavia reo sisa tsy mate. Ty
zotom-po Yaveh tompo ty maro ro hanao zay.32Ka zao ro Safa Yaveh miomba ty mpanjaka Asyria:" Tsy hilitre
amity tana toy re na handefa folese ao. Na ho avy eo agnoloane miarake amity ampinga na hanao faherano aze.
[33]Ty lala ze niaviane avao ro lala hiakarane; tsy ho tafilitre amity tana toy re__zay ro fagnambara Yaveh." [34]Fa
zaho hiaro vaho hagnavotre ty tana toy, noho ty amiko vaho ty amy Davida mpanompoko."'[35]Naho tamio hale eo
le avy ty anjele Yaveh naho nanafike ty tobe reo Asyriana, ka namono miaramila 185.000 laha fa nifoha aloha ty
ndaty tamy maray, le nivalampatre tegne iaby ty fate ty ndaty. [36]Ka niala Israely ty Sankeriba mpanjaka Asyria


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

naho lasa noly vaho niotoboke tagne Ninive. 37Tafara atoy, laha nanao fanompoam-pivavaha tao antragnone
Nisroka zagnaharene re, le vinono i Andrameleka vaho Sarezera anadahine tamity meso. Bakeo le nilay tagne
amity tane Ararata iereo. Naho Esara-hadona anadahine ro lasa mpanjaka teo amity toerane.

## Chapter 20

1Naho tamize andro zay le narare le fa ho mate ty Hezekia. Ka namonje aze ty Isaia ana i Amosa, ty mpaminane,
naho nanao tamine hoe:" Hoe ty Yaveh:""Alamino ty tragnonao; fa ho mate riha, naho tsy ho velo."' 2Le nitolike
nagnoloa ty rindry ty Hezekia naho nivavake tamy Yaveh re nanao hoe: 3"Mba mangatake rie, ry Yaveh oh, mba
tiarovo ty nindehanako ampitokia teo amity agnoloanao tamity arofoko iaby, vaho ty nagnanovako ty soa teo
amasonao." Naho nitagny mafe ty Hezekia bakeo.4Taloha ty niakara Isaia teo agnivo ty tokotane, le niavy tamine
ty safa Yaveh, nanao hoe: 5"Miheregna, naho ambarao ty Hezekia, ty mpitarike ty ndatiko hoe:' Zao ro safa Yaveh,
Zagnahare Davida razambeinao:" Le fa raiko ty vavakenao, naho hisako ty ranomasonao. Hagnafake anao raho
amity andro fahatelo, naho hiakatre agne antragno Yaveh riha.6Ho ampeako dime amby folo tao ty andro
hivelognanao, naho ho vonjeko amity tagna ty mpanjaka i Asyria riha vaho ty tana toy, naho ho ravaeko ty tana
toy noho ty amiko vaho noho ty amy Davida mpanompoko."'"'7Ka hoe Isaia hoe:" Mangala fehean'aviavy." Le
nanao zay iereo naho natobone tamity vaene zay, le afake re.8Hoe Hezekia tamy Isaia:" Ino ro famantara fa
hafaha Yaveh raho, vaho ty tokone hiakarako agne amity tempoline amity andro fahatelo?" 9Namale Isaia hoe:"
Zao ro famantara ho anao bakamy Yaveh, fa Yaveh le hanao ze zaka nirehafene. Tokone hanao zaka folo vao ty
aloke, sa hihemotre zaka folo?"10Namale Hezekia:" Mora ho ahy ty aloke ty hanao zaka folo. Aha! engao
hihemotre zaka folo ty aloke." 11Ka nikaikaike Yaveh ty Isaia mpaminane, naho nientene nihemotre zaka folo ty
aloke, bakagne amity nihetsefane teo amity tohotre Ahaza.12Tamize andro zay i Merodaka Baladana ana i
Baladana mpanjaka Babylona le nandefa taratasy vaho fagnomea tagne amy Hezekia, satria reine fa narare ty
Hezekia. 13Nidranjy ze taratasy zay ty Hezekia, naho natorone reo mpinday talily ty lampa iaby vaho ty zaka-
lafovily, ty volafoty, ty volamena, ty zaka-magnitre vaho ty menake lafovily, naho kea ty tragno famoria ty zaka-
fialiane, ze iaby zay le hisake tao amity tragno famoriane. Tsy nisy zaka ze tsy natoro Hezekia iereo tao
antragnone, na tao amity fanjakane.14Naho Isaia mpaminane nimbaeo amy Hezekia Mpanjaka naho nagnontane
aze hoe:" Ino ro nirehafe rey lahilahy rey taminao? Bakaia rey?" Hoe ty Hezekia:" Bakagne antane lavitre agne
Babylona iereo." 15Nagnontane ty Isaia hoe:" Ino ro hisa iereo tao antragnonao?" Namale ty Hezekia hoe:" Hisa
iereo iaby ty zaka iaby tato antragnoko. Tsy nisy tamireo zaka-lafoko tsy natoroko iereo."16Ka hoe Isaia tamy
Hezekia:" Dranjigno ty safa Yaveh: 17'Ingo, le fa hoavy ty andro hitaona ty zaka iaby eo amity lampanao mbaeo
Babylona, le reo zaka navory ty razambeinao zisikamize andro zao. Tsy misy na ino ino ho tavela, hoe Yaveh. 18Ty
anadahy terake bakaminao, ze tinezanao arere_halae iereo zay, naho ho lasa tandapa ao amity lampa ty
mpanjaka Babylona iereo."'19Naho hoe Hezekia tamy Isaia:" Soa ty safa Yaveh ze nirehafenao." Satria nidineke re
hoe:" Tsy hisy fiadagna vaho filamina vao zay amity androko?" 20Laha ty amireo raraha hafa mikasike i Hezekia,
vaho ty herene iaby, naho ty nagnanovane ty rano vaho ty lakan-drano, naho kea ty nindaisane rano tao amity
tana__feie tsy le fa voasoratre ao amity boke ty tantara reo mpanjaka Joda vao zay? 21Nimate niarake tamireo
razambeine ty Hezekia, naho Manase anadahine ro nisolo aze amity toerane.

Chapter 21

[1]Roe amby folo tao ty Manase ro nanomboke nanjaka; nanjaka zisike ty dime amby dimam-polo tao tamy
Jerosalema re, Ty angnaran-drenene le i Hefziba. [2]Le fa nanao ze raty teo amaso Yaveh re, manahake reo zaka
rati-raty ty firene ze rinoa Yaveh teo agnoloa reo Israely. [3]Fa nampimpoly nagnore reo toera agnabo ze sinimba
Hezekia raene re, naho nagnore reo alitara ho ahy Bala, nanao baon'Aseraha raike, manahake natao Ahaba
mpanjaka Israely, naho nihohoke tamireo kinta ty lagnitre iaby ka nanompo reo.[4]Manase le nagnore alitara
fanompoan-tsampe tao antragno Yaveh, na le nandily aza Yaveh hoe:" Ho zisikezay ao Jerosalema ty agnarako."
[5]Nagnore reo alitara ho ahy ty kinta ty lagnitre iaby re tao amireo kianja roe ty tragno Yaveh. [6]Nataone tao agnate
afo ty anane; vaho nanondro naho nanao sokily naho nangalake hevetre tamireo ze mirehake amity mate vaho
reo ze mirehake amity fagnahy re. Nanao raty maro teo amaso Yaveh re naho nipay an'Agnahare tamity helone.
[7]Ty sare sokitre Astarta ze nataone, le natobone tao antragno Yaveh zay. Ka miomba ze tragno zay ro rineha
Yaveh tamy Davida vaho Solomona anane; hoe re ty hoe:" Tato amity tragno toy naho tao Jerosalema, ze finiliko
tamireo foko Israely iaby, ro hametrahako ty agnarako zisikezay. [8]Naho tsy hampirererere ty tombo Israely
hiakatre amity tane ze nameako ty raza reo sase Raho, laha magnenke soa reo iaby ze nandiliako iereo, naho
hagnorike ty lala iaby ze nandilia Mosesy mpanompoko iereo." [9]Fa tsy nidranjy reo vahoake, naho Manase ro
nitarike iereo hanao raty tafahoatre noho reo firene ze rinava Yaveh teo agnoloa ty vahoake Israely.[10]Le nirehake
tamity alala reo mpaminane mpanompo Yaveh, nanao hoe : [11]"Satria Manase mpanjaka Joda le nanao reo zaka
raty reo, naho nanao raty tafahoatre noho iaby ze natao reo Amorita ze nanao zay talohane, naho nampanonta
Joda avao kea tamireo sampene, [12]laha zao Yaveh, ty Zagnahare Israely, nanao hoe zao: Ingo, hahavy loza hoe zay
eo amy Jerosalema vaho Joda Raho ke iaby ze maharey zay, le haritsike ty sofine roe.[13]Hamototre ty taly
fagnametara ampiasae handiera Samaria amy Jerosalema raho, naho ty pilao fagnametara ampiasae handiera ty
foko Ahaba; hagnalio Jerosalema, manahake ty ndaty malio sakafo, mikoseke zay naho magnodikody zay ambone
ambane raho. [14]Hanorake reo lovako sisa tavela raho naho hagnomea zay ho eo antagna ty fahavalo iereo. Ho avy
voy vaho azo reo fahavalone iaby iereo, [15]satria le fa nanao ze raty teo amasoko iereo, naho nipay ahy tamity
heloke, zisikamity andro niakara ty razambeiereo bakao Egypta, zisikandroany."[16]Fagnampe zay, Manase le
nampi-po dio tsy manan-tsiny maro bey, mandra-pifenoam-pate tamity raike zisikamity raike hafa i Jerosalema.
Zay le fagnampe ty andro ze nampanontane i Joda, laha fa nanao ze raty teo amaso Yaveh iereo. [17]Naho laha ty
amireo raraha hafa mikasike i Manase, iaby ze nataone, naho ty hadisoa ze nataone, feie vao tsy le fa voasoratre
ao amity boke ty tantara ty mpanjaka Joda zay? [18]Le nimate tagne amireo razambeine naho naleve tao amity tane
ty tragnone avao ty Manase, tao antane Oza. Naho i Amona anane ro lasa mpanjaka teo amity toerane.[19]Teo amity
faharoe amby roapolo taone Amona ro nanomboke nanjaka; nanjaka zisike ty roe tao tamy Jerosalema re. Ty
agnaran-drenene le i Mesolemeta; anakampela Haroza bakagne Jotba. [20]Nanao ze raty teo amaso Yaveh re,
manahake ty natao Manase raene.[21]Nagnorike reo lala iaby ze nindeha ty raene naho nanompo reo sampe ze
nitompoe ty raene, naho nihohoke amiereo ty Amona. [22]Niala Yaveh, ty Zagnahare reo razane re, naho tsy
nindeha tamity lala Yaveh. [23]Reo mpanompo Amona le nihevetre handietre aze naho namono ty mpanjaka tao
antragnone avao.[24]Fa reo vahoake ty tane le namono iaby ze nihevetre handietre i Amona mpanjka, naho iereo ro
nanao i Josia anadahine ho mpanjaka teo amity toerane. [25]Laha ty amity raraha hafa mikasike ze natao Amona,
feie vao tsy le fa voasoratre ao amity boke ty tantara reo mpanjaka Joda zay? [26]Reo vahoake le nandeve aze tao
amity kibory tao antane Oza, naho i Josia anane ro lasa mpanjaka teo amity toerane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 22

[1]Valo tao ty Josia ro nanomboke nanjaka; raike amby telopolo tao ro nanjakane tao Jerosalema. Jedida ro
agnaran-drenene (anakampela Adaia bakagne Bozkara). [2]Nanao ze mare teo amaso Yaveh re. Nindeha tamireo
lala iaby Davida razambeine re, naho tsy niotake lala ankavia na ankavana.[3]Naho teo amity fahavalo amy folo tao
Josia Mpanjaka, le nandefa i Safana ana i Azalia ana i Mesolama, ty mpanora-dala, tagne antragno Yaveh re,
nanao hoe: [4]"Mindeha agne amy Hilkia mpisoro bey naho ambarao re mba hagnisake ty vola ze niente tagne
antragno Yaveh, ze navory ty mpiambe tempoly tamity vahoake. [5]Ao zay hagnomea eo antagna ty mpiasa ze mita
ty tragno Yaveh, naho ao iereo hagnomea zay ty mpiasa ze ao antragno Yaveh, mba hagnamboara ze simba ao
amity tempoly.[6]Ao iereo hagnomea vola ho ahy reo mpandrafitre, reo mpagnoren-tragno, naho mba hivily hetae
vaho vato voapeke avao kea mba hagnamboara ty tempoly." [7]Fa tsy ho take amiereo ty isa ty vola, satria
mpampiasa zay ampatokia iereo.[8]Hoe Hilkia mpisorombey tamy Safana mpanora-dala hoe:" Hisako tao amity
tragno Yaveh ty boke ty lala." [9]Ka namea Hilkia i Safana ty boke, naho namaky zay re. Lasa ty Safana naho
nangalake ty boke tegne amity mpanjaka, naho hitalily amine avao kea, manao hoe:" Reo mpanomponao le
nandany ty vola ze hisake tao antempoly naho natolo iereo teo antagna reo mpiasa ze magnara-maso ty
fikarakara ty tragno Yaveh zay." [10]Le hoe Safana mpanora-dala tamity mpanjaka:" Hilkia mpisoro ro nagnomea
ahy ty boke." Naho vinaky Safana tamity mpanjaka zay.[11]Naho laha fa naharey reo reha ty lala ty mpanjaka, le
nandriatre ty akanjone re. [12]Nandily Hilkia mpisoro, vaho Ahikama ana i Safana, i Akbora ana i Mikaia, Safana
mpanora-dala, naho i Asaia, ty mpanompone, ty mpanjaka, ka nanao ty hoe: [13]"Mindehana naho mirehafa amy
Yaveh ho ahy, naho ho ahy reo vahoake vaho reo Joda iaby, noho reo reha ty boke ze hisake toy. Fa mafe ty helo
Yaveh ze mirehetre amintika noho ty tsy fidranjigna reo razambeintika reo safa ty boke toy le ty hoe hagnenke
iaby ze voasoratre miomba antika."[14]Laha zao Hilkia mpisoro, Ahimaka, Akbora, Safana, naho i Asaia ro nindeha
nimbaeo amy Holda ty mpaminane vave, valy Saloma ana i Tikva ana i Harasa, ty mpikarakara ty siky (nitoboke
tao Jerosalema tao amity faritre faharoe re), naho nirehake tamine iereo. [15]Hoe rampela tamiereo:" Zao ro safa
Yaveh, ty Zagnahare Israely:' Ambarao ty ndaty ze nandefa anareo amiko atoy hoe: [16]" Zao ro safa Yaveh:" Ingo,
hinday loza amity toera toy vaho reo vahoakene Raho, arake ty zaka iaby voasoratre ao amity boke ze vinaky ty
mpanjaka Joda.[17]Satria nahafoe Ahy naho nagnoro liten-ketae magnitre ho ahy reo zagnahare hafa iereo, mba
hipay ahy ho maleko amireo asa iaby ze natao iereo__laha zao ty heloko le nirehetre tamity toera toy, naho tsy ho
mate zay."' [18]Fa ho ahy ty mpanjaka Joda, ze nandefa anao mba hagnontane ty sitrampo Yaveh, le zao ro ho
rehafenao amine:" Yaveh, ty Zagnahare Israely nanao zao:" Miomba reo rehake ze reinao,
[20]Ingo, hagnaro anao amireo razanao Raho, naho hiroro ampilamina ao ankiborinao riha. Tsy hahisake reo loza
iaby ze ho enteko amity toera toy ty masonao."""Ka le niente ty lahilahy tagne amity mpanjaka ze talily zay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 23

[1]Le nagnirake mpinday talily ze namory teo amine reo olobey Joda vaho Jerosalema iaby ty mpanjaka. [2]Le
niakatre tao antragno Yaveh ty mpanjaka, vaho reo vahoake Jerosalema iaby niarake tamine, vaho reo mpisoro,
reo mpaminane, naho reo vahoake iaby, zisikamity kele ka hatramity foloay. Vinakine teo an-tsofy iereo ty reha
ty boke ty fagnenkea iaby ze hisake tao antragno Yaveh.[3]Nitsanga teo agnila ty ambe ty mpanjaka naho nanao
fagnenkea teo agnoloa Yaveh, mba hagnorike Yaveh vaho hiambe reo liline, reo fotsipene, naho reo lalane, amity
arofone iaby vaho ty fagnahine iaby, mba hagnamafe reo reha ze fagnenkea zay ze voasoratre ao amity boke toy.
Ka le nagnenke ty fagnenkea ty vahoake iaby.[4]Naho ty mpanjaka nandily Hilkia mpisorombey, reo mpisoro
ambane fahefane, naho reo mpiambe vavahady mba hagnakatre bakao amity tempoly Yaveh reo fanake iaby ze
natao ho ahy Bala vaho Astarta, vaho ahy reo Kinta ty lagnitre iaby. Nagnoro zay tagne ambaly Jerosalema tagne
ambaibo tao amity baibo Kidrona re naho ninday ty laveno reo tagne Betela. [5]Nagnafoa reo mpisoro mpanompo
sampe ze finily reo mpanjaka Joda hagnoro liten-ketae magnitre tao amireo toera agnabo tao amireo tana Joda
vaho tao amireo toera nagnodidy i Jerosalema re__le reo ze nagnoro liten-ketae magnitre ho ahy Bala, hi ahy ty
masoandro vaho ty vola, ho ahy reo planeta, naho ahy reo kinta ty lagnitre iaby.[6]Nagnakatre ty baon'Aseraha
bakao amity tempoly Yaveh re, tagne ambaly Jerosalema tagne ambaibo Kidrona naho nagnoro zay teo.
Tinorotorone ho deboke zay ka nariane teo amireo kiborim-bahoake ze deboke zay. [7]Finafane reo efetregno reo
lahilahy mpivavake mivaro-bata ze tao antempoly Yaveh, ze nanenoa reo ampela siky ho ahy Aseraha.[8]Ninday
reo mpisoro iaby tagne ambaly ty tana Joda ty Josia naho nagnoro reo toera agnabo ze nagnoroa reo mpisoro
liten-ketae magnitre, nanomboke tao Geba zisikagne Beri-sheba. Rinavane reo toera agnabo teo amireo vavahady
ze teo amity filira mbaeo amity vavahady Josoa (tana ty governora), teo amity ilane ankavia ty vavahady ty tana.
[9]Na le tsy nenga nisoro teo amity alitara Yaveh tao Jerosalema aza reo mpisoro reo toera agnabo reo, le nihina
mofo tsy misy masirasira teo amireo rahalahine iereo.[10]Linoto Josia ty Tofeta, ze tao amity Baibo Beni-hinoma,
mba tsy hisy ndaty hagnoro ao agnate afo ty anadahine na ty anakampelane ho soro ho ahy Moloka. [11]Nalaene
reo soavale ze namea reo mpanjaka Joda ty masoandro. Teo amity faritre teo amity filira ho ao antempoly Yaveh,
agnila ty efetragno Natana-meleka, tandapa reo. Noroa i Josia reo kalese ty masoandro.[12]Rinava Josia mpanjaka
reo alitara ze teo amity tafo ty efetragno Ahaza farane ambone, ze namboare ty mpanjaka Joda, vaho reo alitara
ze natao Manase tao amireo kianja ty tempoly Yaveh roe. Tinorotoro Josia reo naho nariane tao amity Baibon-
driake Kidrona. [13]Rinava ty mpanjaka reo toera agnabo antignana Jerosalema, antimo ty vohitse ty haratia zay
namboare i Solomona mpanjaka Israely ho ahy Astarta, ty sampe raty reo Sidoniana; ho ahy Kemosy, ty sampe
raty Moaba; naho ho ahy Moloka, ty sampe raty reo vahoake i Amona. [14]Tinorotorone reo tsagam-bato naho
tinampane reo baon'Aseraha naho finenone taola ty ndaty reo toera reo.[15]Rinava Josia vatane avao kea ty alitara
ze tao Betela vaho ty toera agnabo ze namboare Jeroboama anadahy Nebata (ty raike ze nampanonta ty Israely).
Noroane avao kea ze alitara zay vaho ty toera agnabo ka tinorotorone ho deboke. Noroane avao kea ty
baon'Aseraha. [16]Laha nagnente ty faritre Josia, le hisane reo kibory ze teo amity tazoa. Nagnirake lahilahy mba
hangalake ty taola bakao amireo kibory re; ka le noroane teo amity alitara reo, ze nandoto zay. Zay le arake ty
safa Yaveh ze nirehafe ty lahilahin'Agnahare, le ty lahilahy ze nirehake reo zaka reo aloha.[17]Le hoe re:"
Tsangambato ino ty hisako?" Reo lahilahy ty tana nirehake tamine hoe:" Io le kibory ty lahilahin'Agnahare ze
bakagne Joda naho nirehake miomba reo zaka ze vaho nataonao tamity alitara Betela." [18]Le hoe Josia:" Engao zay.
Tsy misy ndaty tokone hamindra reo taolane." Kanefa nenga iereo, niarake tamireo taola ty mpaminane ze
bakagne Samaria ty taolane.[19]Le nafaha Josia reo tragno iaby tagne amireo toera agnabo ze tagne amireo tana ty
Samaria, ze natao reo mpanjaka Israely, naho ze nahavy Yaveh nimeloke. Nataone mitovy tsy misy hafa tamize
natao tagne Betela reo. [20]Vinonone teo amireo alitara reo mpisoro ty toera agnabo iaby naho nagnoro taola ty
ndaty teo amireo re. Bakeo le nihere tagne Jerosalema.[21]Le nandily ty vahoake iaby ty mpanjaka hoe:" Ambeno ty
Pasake Yaveh Zagnaharenareo, arake ze voasoratre ao amity Boke ty Fagnenkea toy." [22]Tsy nisy fandaza ty Pasake
niambena hoe zay zisikamity andro reo mpitsara ze nandily teo amy Israely, na tamity andro reo mpanjaka ze
nandily ty Israely, na tamireo andro reo mpanjaka Israely na Joda iaby. [23]Fa tamity tao fahavalo amby folo
nanjaka Josia mpanjaka ro nandaza tagne Jeerosalema ze Pasake Yaveh zay.[24]Rinoa Josia avao kea reo ze nirehake
tamity ate na tamity fagnahy. Rinoane avao kea reo terafima, reo sampe, naho reo zaka raty iaby ze hisake tao
amity tane ty Joda vaho tane Jerosalema, mba hagnamafea reo reha ty lala ze voasoratre tao amity boke ze hisa
Hilkia mpisoro tao antragno Yaveh. [25]Taloha Josia, le tsy mboe nisy mpanjaka manahake aze, ty nihere tamy
Yaveh tamity arofone iaby, ty fagnahy iaby, naho ty herene iaby, te nagnorike ty lala Mosesy iaby. Vaho tsy nisy
mpanjaka hoe i Josia nitsanga tafarane.[26]Na zay aza, le tsy nijano ty fireheta ty helo Yaveh, ze nirehetre tamy Joda
noho reo fanompoan-tsampe iaby ze nipaia Manase aze. [27]Ka hoe Yaveh:" Afahako tsy ho eo amasoko avao kea ty

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Joda, manahake ty nagnafahako Israely, naho hariako ty tana ze finiliko toy, le Jerosalema, vaho ty tragno ze
nirehafeko ty hoe:' Ho ao ty agnarako."'[28]Laha ty amireo raraha hafa mikasike Josia, ty zaka iaby ze nataone, feie
tsy le fa voasoratre ao amity boke ty tantara reo mpanjaka Joda vao zay?" [29]Tamity andro, Farao-neko, mpanjaka
Egypta, le nindeha mba hialy tamity mpanjaka Asyria tao amity Rano Eofrata. Nindeha nanalaka i Neko tao
agnaly ty Josia mpanjaka, ka vinono Neko tao Megido re. [30]Reo mpanompo Josia ninday aze te fa mate tao agnate
kalese bakagne Megido, ninday aze tagne Jerosalema, naho nandeve aze tao amity kiborine arere. Le nalae ty
vahoake ty tane ty Joahaza anadahy Josia, hinosone, naho nataone ho mpanjaka nisolo ty toeran-draene.[31]Telo
amby roapolo tao ty Joahaza ro nanomboke nanjaka, naho nanjaka zisike ty telo voa tao Jerosalema re. Ty
agnaran-drenene le i Hamotala; re le anakampela Jeremia bakagne Libna. [32]Nanao ze raty teo amaso Yaveh ty
Joahaza, hoe ty zaka iaby ze natao reo razambeine. [33]Finehe Farao-neko sene tao Ribla tao amity tane Hamata re,
mba tsy hanjakane ao Jerosalema. Le nampandoae Neko talenta volafoty zato vaho talenta volamena raike ty
Joda.[34]Natao Farao-neko ho mpanjaka teo amity toera Josia raene ty Eliakima ana i Josia, naho novaene hoe
Joiakima ty agnarane. Nefa ninday i Joahaza nimbaeo Egypta re, ka mate tagne ty Joahaza. [35]Nandoa ty volafoty
vaho volamena tamy Farao ty Joiakima. Mba ho vale ty hata Farao mpanjaka, le nampandoa hetra ty tane ty
Joiakima naho sinerene mba handoa volafoty vaho volamena amine arake ty isa iereo ty ndaty kirai-kiraie
tamireo vahoake ty tane.[36]Dime amby roapolo tao ty Joiakima ro nanomboke nanjaka, naho nanjaka raike amby
folo tao tamy Jerosalema re. Ty agnaran-drenene le i Zebida; re le anakampela Pedaia bakagne Romaha. [37]Nanao
ty raty teo amaso Yaveh ty Joiakima, manahake ze natao reo razambeine.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 24

[1]Tamity andro Joiakima, le nanafike Joda ty Nebokadnezara mpanjaka Babylona; lasa mpanompone zisike ty telo
tao ty Joiakima. Naho nivalike ka niarake nandietre i Nebokadnezara ty Joiakima. [2]Nandefa reo tafike Kaldeana,
Syriana, Moabita naho Amonita handietre i Joda mba handrava zay iereo. Mifagnarake amity safa Yaveh, ze
nirehafene tamity alala reo mpaminane mpanompone zay.[3]Azo antoke fa tamity vava Yaveh ro nahavy zay tamy
Joda, mba hagnafake iereo tsy ho eo amasone, noho ty hadisoa Manase, le iaby ze nataone, [4]naho noho ty lio tsy
manan-tsiny ze napone avao kea, satria finenone tamity lio tsy manan-tsiny ty Jerosalema. Tsy nivogno ty
hamototre zay ty Yaveh.[5]Laha ty amireo raraha hafa mikasike i Joiakima, vaho ze nataone iaby, feie tsy le fa
voasoratre ao amity boke ty tantara reo mpanjaka Joda vao zay? [6]Nimate niarake tamireo razambeine ty
Joiakima, naho Joiakina anadahine ro lasa mpanjaka nisolo aze.[7]Tsy nanafike tagne ambaly ty tanene sase ty
mpanjaka Egypta, satria ty mpanjaka i Babylona le fa naharese ty tane iaby ze teo ambane fehe ty mpanjaka
Egypta, zisikamity baibon-driake Egypta ka zisikamity rano Eofrata.[8]Valo amby folo tao ty Joiakina ro nanomboke
nanjaka; nanjaka telo vola tamy Jerosalema re. Ty agnara ty renene le i Nehosta; anakampela Elnatana bakagne
Jerosalema. [9]Nanao ze raty teo amaso Yaveh re; nanao iaby ze nataon-draene re.[10]Tamize andro zay ty tafike
Nebokadnezara mpanjaka Babylona le nanafike i Jerosalema ka nanao faherano ty tana. [11]Niavy teo antana ty
Nebokadnezara mpanjaka Babylona laha mboe nanao faherano zay ty miaramilane, [12]naho i Joiakina mpanjaka
Joda nimbaeo amity mpanjaka Babylona, re, ty renene, reo mpanompone, reo roandriane, naho reo
manampahefane. Nitsepake aze ty mpanjaka Babylona tamity tao fahavalo nanjakane.[13]Nalae Nebokadnezara
bakao iaby reo zaka lafovily iaby tao antragno Yaveh, vaho reo tao andampa ty mpanjaka. Pinotepotene ty zaka
volamena iaby ze natao Solomona mpanjaka Israely tao amity tempoly Yaveh, arake ze nirehafe Yaveh fa hiseho.
[14]Nataone sese-tane ty Jerosalema iaby, ty mpitarike iaby, vaho reo lahilahy mpialy iaby, babo ray ale, vaho reo
mpanao asa-tagna, naho reo mpifehe iaby. Tsy nisy niengane hijano laha tsy reo ndaty mahantra vatane teo
amity tane.[15]Nalae Nebokadnezara ho sese-tane tao Babylona ty Joiakina, amity rene ty mpanjaka, reo valine, reo
manam-pahefane, naho reo bey ty lahilahy teo amity tane. Nalaene ho sese-tane bakagne Jerosalema nimbaeo
Babylona iereo. [16]Reo lahilahy mpialy iaby, fito arivo, mpanao asa-tagna vaho mpanefe vy ray ale, ie iaby reo le
natao ho amity aly iaby__ty mpanjaka Babylona ninday reo lahilahy iaby reo ho sese-tane ho agne Babylona.
[17]Natao ty mpanjaka Babylona ho mpanjaka hisolo aze ty Matania, rahalahin-drae i Joiakina, naho novaene ho
Zedekia ty agnarane.[18]Raike amby roapolo tao ty Zedekia ro nanomboke nanjaka; nanjaka zisike ty raike amby
folo tao tamy Jerosalema re. Hamotala ro agnara ty renene; anakampela Jeremia bakagne Libna. [19]Nanao ze raty
teo amaso Yaveh re; nataone iaby ze natao Joiakima. [20]Tamity helo Yaveh, ro niboaha reo zaka iaby reo tagne
Jerosalema vaho Joda, mandram-piroane iereo tsy ho eo amity fiatrehane. Naho le niarake nandietre ty
mpanjaka Babylona ty Zedekia.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 25

[1]Naho tamity tao fahasive nanjaka Zedekia Mpanjaka, tamity vola fahafolo, naho tamity andro fahafolo ty vola, le
avy handietre i Jerosalema ty Nebokadnezara mpanjaka Babylona vaho reo tafine iaby. Nitobe teo agnila zay re,
naho nanangana iereo rindry magnodidy zay. [2]Ka le natao faherano zisikamity faha-raike amby folo tao nanjaka
Zedekia Mpanjaka ty tana. [3]Tamity andro fahasive ty vola fahaefatre tamize tao zay, le nagnisy mafe ty kere tao
antana ka tsy nisy hane ho ahy ty vahoake ty tane.[4]Le vahy ty tana, naho ty lahilahy mpialy iaby nilay tamity hale
bakeo amity lala ty vavahady teo agnivo reo rindry roe, ze eo amity tane ty mpanjaka, na le nagnodidy ty tana
iaby aza reo kaldeana. Nindeha tamity lala mbaeo Araba ty mpanjaka. [5]Kanefa nagnia i Zedekia Mpanjaka ty
tafike Kaldeana ka nahatratre aze teo amity gebo ty baibo i Jordana agnila i Jeriko. Naho nizara niala tamine ty
tafine iaby.[6]Tsinepa iereo ty mpanjaka naho nientene niakatre tagne amity mpanjaka Babylona tagne Ribla, tagne
iereo ro nitsara aze. [7]Laha ty amireo anadahy Zedekia kea, vinono iereo teo amasone iereo. Bakeo le pinoa iereo
ty masone, finehene tamity sene varahy re, naho nientene tagne Babylona.[8]Tamity vola fahadime, tamity andro
fahafito ty vola, ty tao fahasive amby folo nanjaka i Nabokadnezara mpanjaka Babylona, le nimbaeo Jerosalema,
ty Nebokadnezara, mpanompo ty mpanjaka Babylona vaho bey reo mpiambe. [9]Noroane ty tragno Yaveh, ty lampa
ty mpanjaka, naho ty tragno iaby tao Jerosalema; naho noroane avao kea ze tragno bey manan-danja iaby tao
antana. [10]Naho reo rindry magnodidy i Jerosalema iaby, le pinote reo tafike Babylona ze teo ambane fahe ty bey ty
mpiambe.[11]Laha ty amireo vahoake ze sisa tavela tao antana, reo ze niala ty mpanjaka Babylona, naho reo
vahoake sisa__le nalefa Neborazadana, mpifehe ty mpiambe an-joron-tane iereo. [12]Kanefa ty bey ty mpiambe le
nagnenga ty ilane tamireo mahantra vatane amity tane mba hiasa reo tanem-boaloboke vaho reo baibo.[13]Naho ty
amireo ambe varahy ze tao antragno Yaveh, vaho reo tsangana naho reo taven-drano varahy bey ze tao antragno
Yaveh, le pinotepote reo Kaldeana naho niente iereo nihere tagne Babylona ty varahy. [14]Reo velagne, lapele, fisy
jiro, sotro, naho reo fanake varahy iaby ze ampiasae ty mpisoro eo antempoly__le nalae reo Kaldeana iaby. [15]Ty
velagne fagniligna lavenoke vaho ty finga ze vita tamity volamena, naho reo vita tamity volafoty__le nalae ty
kapitene ty mpiambe ty mpanjaka avao kea.[16]Reo ambe roe, ty koveta, naho reo tsangana ze natao Solomona ho
ahy ty tragno Yaveh le misy varahy tsy hisake ho lanjae. [17]Ty tazoa ty ambe voalohane le valo amby folo metatre,
naho hengo kapitaly varahy ty tafo zay. Telo metatre ty haabo ty kapitaly, miarake amity rofia vaho
ampongambein-dagnitse magnodidy ty kapitaly iaby, natao tamity varahy iaby. Mitovy amity rofia voalohane
avao ty raike hafa.[18]Nalae ty bey ty mpiambe Seraia bey ty mpisoro, niarake tamy Zefania, mpisoro faharoe, naho
reo mpiambe vavahady telo. [19]Bakao antana re ro nangalake tandapa raike ho gadra ze nita reo miaramila, naho
dime lahy tamireo le mpagnomea hevetre ty mpanjaka, ze mboe tao antana. Ginadrane avao kea ty manam-
pahefa ty tafike ty mpanjaka ze mita reo lahilahy mianatre ho ao amity tafike, niarake tamina enempolo lahy
manan-kanja bakamity tane ao antana.[20]Naho Nebozaradana, bey ty mpiambe, nangalake naho ninday iereo
tagne amity mpanjaka Babylona tagne Ribla. [21]Vinono ty mpanjaka Babylona tao Ribla tao amity tane Hamata
iereo. Hoe ze ro nagnanova sese-tane i Joda tagne ambaly ty tanene.[22]Laha ty amireo vahoake ze nijano tao amity
tana Joda, reo ze nienga Nebokadnezara mpanjaka Babylona, le nametrake i Gedalia anadahy Ahikama ana i
Safana, hita iereo re. [23]Naho laha fa rey reo bey ty miaramila iaby, iereo vaho reo ndatine, fa le fa natao ty
mpanjaka Babylona governora ty Gedalia, le nindeha tagne amity Gedalia tagne Mizpa iereo. Toa ze lahilahy zay,
Ismaela anadahy Netania, Johanana anadahy Karea, Seraia anadahy Tanometa ty Netofatita, naho i Jazania
anadahy ty Makatita__iereo vaho ty ndaty iereo. [24]Nanao fifanta tamiereo vaho tamireo ndatine ty Gedalia, naho
nirehake tamiereo hoe:" Ko matahotre reo manampahefa Kaldeana nareo. Mitoboha eo amity tane naho
manompoa ty mpanjaka Babylona,naho ho soa ho anareo zay."[25]Kanefa tamity vola fahafito Ismaela anadahy
Elisama, bakamity foko ty mpanjaka, le nindeha niarake tamina folo lahy naho nanafike i Gedalia. Mate niarake
tamireo ndaty Joda vaho reo Babylona ze niarake tamine tagne Mizpa ty Gedalia. [26]Naho ty vahoake iaby, ty kele
vatane ka zisikamity bey vatane, naho reo bey ty miaramila, le nindeha naho nimbaeo Egypta, satria natahotre
reo Babylona iereo.[27]Tafara atoy tamity fahafito amby telopolo naha-sese-tane i Joiakina mpanjaka Joda, ty vola
faharoe amby folo, andro fahafito amby roapolo ty vola, le namototre i Joiakina mpanjaka Joda tagne ampi-gadra
ty Evila-merodaka mpanjaka Babylona. Tamity tao nanomboha Evila-merodaka nanjaka zay ro nisy zay.
[28]Nirehake tamine tamity hasoam-pagnahy vaho nagnomea sezan-droandria manan-kaja kea noho ty ahy reo
mpanjaka hafa ze niarake tamine tao Babylona re. [29]Nafaha i Evila-merodaka ty akanjo maha-gadra i Joiakina,
naho i Joiakina le nihina teo amity latabatre ty mpanjaka zisike ty androne. [30]Namea solon-kane isan-andro re
zisike ty androm-pivelognane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

# 1 Chronicles

## Chapter 1

[1]Adama, Seta, Enosy, [2]Kenana, Mahalalila, Jadeda, [3]Enoka, Metosela, Lameka. [4]Sema, Hama vaho Jafeta ro anadahy
Noa.[5]Reo anadahy Jafeta le Gomera, Magoga, Maday, Javana, Tobala, Maseta, naho Tirasa. [6]Naho reo anadahy
Gomera le Askenaza, Rifata, naho Togarma. [7]Reo anadahy Javana le Elisa, Tarisisy, Kitima, naho Dodanita.[8]Reo
anadahy Hama le i Kosy, Mizraima, Pota, naho Kanana. [9]Reo anadahy Kosy kea le i Seba, Havila, Sabta, Ragama,
naho Sabketa. Reo anadahy Ragama le i Seba vaho dedana. [10]Kosa niterake i Nimroda, ze naharese voalohane teto
antane.[11]Mizraima le lasa razambey reo Lodita, Anamita, Lehabita, Naftohita, [12]Patrosita vaho ty Kaslohita ( ty
niavia reo Filistina), naho reo Kaftorita.[13]Kanana niterake i Sidona, anadahy voalohane, vaho Heta. [14]Lasa
razambey ty Jebosita, Amorita, vaho Girgasita, [15]Hivita, Arkita, Sinita, [16]Arvadita, Zemarita, naho ty Harnatita
avao kea re.[17]Reo anadahy Sema le Elama, Asyra, Arpahada, Loda, Arama, Oza, Hola, Gatera, naho Maseka.
[18]Arpaksada niterake i Sela, naho Sela niterake i Ebera. Nanagnanake roe lahy ty Ebera. [19]Ty agnara ty raike le
Palega, satria tamity androne le nizara ty tane. Joktana ty agnara ty rahalahine.[20]Joktana niterake i Almodada,
Salefa, Hazarmaveta, Jera, [21]Hadorama, Ozala, Rikla [22]Ebala, Abimaela, Seba, [23]Ofira, Havila, Jobaba; foko Joktana
iaby reo.[24]Sema, Arpaksada, Sela, [25]Ebera, Palega, Reo, [26]Seroga, Nahora, Tera, Abrama, ty Abrahama zay[28]Reo
anadahy Abrahama le Isaka vaho Ismaela. [29]Toa iaby ty anadahy iereo:ty anadahy voalohane Ismaela le i
Nebaiota, bakeo Kedara, Abdela, Misbsama, [30]Misma, Doma, Masa, Hadada, Tema, [31]Jetora, Nafisy, naho Kedma.
Reo ro anadahy Ismaela.[32]Reo anadahy Ketora, valitsindrano i Abrahama, le i Zimrama, Joksana, Medana,
Midiana, Jisbaka, naho Soaha. Reo anadahy Joksana le i Sheba vaho Dedana. [33]Reo anadahy Midiana le i Efaha,
Efera, Hanoka, Abida, naho Eldaha. Reo iaby reo le foko Ketora.[34]Abrahama niterake Isaka. Reo anadahy Isaka le
Esao vaho Israely. [35]Reo anadahy Esao le Elifaza, Regoela, Jeosy, Jalama, naho Kora. [36]Reo anadahy Elifaza le
Temana, Omara, Zefo, Gatama, Kenaza, Timna, naho Amaleka. [37]Reo anadahy Regoela le i Nahata, Zera, Sama,
naho Miza.[38]Reo anadahy Seira le i Lotana, Sobala, Zibona, Ana, Disona, Ezera, naho Disana. [39]Reo anadahy Lotana
le i Hori vaho Homana, naho Timna ro anabave i Lotana. [40]Reo anadahy i Sobala le i Aliana vaho Manahata,
Ebala, Sefy, naho Onama. Reo anadahy Zibona le Aia vaho Ana.[41]Ty anadahy Ana le Disona. Reo anadahy Disona
le Hamrana, Esbana, Jitrana naho Kerana. [42]Reo anadahy i Ezera le i Bilana, Zavana, naho Jakana. Reo anadahy i
Disana le Oza vaho Arana.[43]Toa iaby reo mpanjaka za nanjaka tagne amity tane Edoma taloha ty nanjaka ze mete
ho mpanjaka teo amireo Israelita: Bela anadahy Beora, naho ty agnara ty tanane le Dinaba. [44]Laha fa mate Bela, le
Jobaba anadahy Zera bakagne Bozra ro nanjaka nisolo ty toerane. [45]Laha fa mate Jobaba, le Hosama bakagne
amity tane Temanita ro nanjaka nisolo ty toerane.[46]Laha fa mate Hosama, le i Hadada anadahy i Bedada, ze
naharese reo Midianita tagne amity tane i Moaba, ro nanjaka nisolo ty toerane. Avita ro agnara ty tanane. [47]Laha
fa mate Hadada, le nanjaka teo amity toerane ty Samla bakagne Masreka. [48]Laha fa mate Samla, le nanjaka nisolo
ty toerane ty Saoly bakagne Rehobota Hanahara.[49]Laha fa mate Saoly, le nanjaka nisolo ty toerane ty Bala-hanana
anadahy i Akbora. [50]Laha fa mate Bala-hanana anadahy Akbora, le nanjaka nisolo ty toerane ty Hadara. Pao ro
agnara ty tanane. Ty agnaram-baline le Mehetabela anakampela i Matreda anakampela i Me-zahaba.[51]Mate
Hadada. Naho ty loha reo foko tagne Edoma le i Timna, Alva, Jetata, [52]Oholibama, Elaha, Pinona, [53]Kenaza,
Temana, Mibzara, [54]Magdiela, naho Irama. Reo ro loha reo foko tagne Edoma.

Chapter 2

[1]Toa iaby reo anadahy Israely: Robena, Simeona, Levy, Joda, Isakara, Zebolona, [2]Dana, Josefa, Benjamina, Naftaly,
Gada, naho Asera.[3]Reo anadahy Joda le i Era, Onana, naho Sela, ze naterane tamity anakampela i Batsoa,
Kananita. Era, anadahy voalohane Joda, le raty fagnahy teo amaso Yaveh, naho vinono Yaveh re. [4]Tamara,
vinantone vave, niterake i Fareza vaho Zera tamine. Nanagnanake lahy dime ty Joda.[5]Hezrona vaho Hamola ro
anadahy i Fareza. [6]Reo anadahy i Zera kea le Zimry, Etana, Hemana, Kalkola, naho Dara, dime ty fiharoane. [7]Ty
anadahy Karmy le i Akara, ty ninday koronta teo amy Israely laha fa nangalatre ze voatoka ho an'Agnahare re.
[8]Azaria ro anadahy i Etana.[9]Jeramela, Rama, naho Kelobay ro anadahy i Hezrona. [10]Rama niterake i Aminadaba,
naho Aminadaba niterake i Nasona, mpitarike raike eo amireo foko Joda. [11]Nasona niterake i Salma, naho Salma
niterake i Boaza. [12]Boaza niterake i Obeda, naho Obeda niterake i Jese.[13]Jese niterake i Eliaba anane voalohane, i
Abinadaba faharoe, Simea fahatelo, [14]Netanela fahaefatre, Raday fahalime, [15]Ozema fahaene, naho Davida
fahafito.[16]Abigaila vaho Zeroba ro anabave iereo. Abisay, Joaba, naho Asahela, telo mirahalahy ro anadahy i
Zeroba. [17]Abigaila niterake i Amasa, ty Jitra Ismaelita ro raene.[18]Kaleba anadahy i Hezrona niterake anake
bakamy Azoba, valine, vaho tamy Jeriota. Jasera, Sobaba, naho Ardona ro anadahine. [19]Mate Azoba, naho le nalae
i Kaleba ho valy ty Efrata, ty niterake i Hora tamine. [20]Hora niterake i Ory, naho Ory niterake i Bezalila.[21]Tafara
atoy Hezrona (laha fa enem-polo tao re) le nagnakatre ty anakampela i Makira, rae i Gileada. Niterake i Segoba
tamine re. [22]Segoba niterake i Jaira, ty nifehe tana telo amby roa-polo tao amity tane i Gileada.[23]Nalae i Gesora
vaho Arama ty rova i Jaira vaho Kenata, amireo rova enem-polo magnodidy. Sambe foko i Makira, rae i Gileada
iaby reo vahoake iaby reo. [24]Tafara ty nifateza i Hezrona, le niroro niarake tamy Efrata, valy i Hezrona raene ty
Kaleba. Niterake i Asora, rae i Tekoa tamine re.[25]Naho reo anadahy Jeramela, ty anadahy voalohane Hezrona, le i
Rama anadahy voalohane, Bona, Orena, Ozema, naho Ahia. [26]Mboe nana valy hafa kea ty Jeramela, te Atara ro
agnarane. Re ro rene i Onama. [27]Reo anadahy Rama, ty anadahy voalohane Jeramela, le i Maza, Jamina, naho
Ekera. [28]Samay vaho Jada ro anadahy Onama. Nadaba vaho Abisora ro anadahy i Samay.[29]Ty agnara ty valy
Abisora le Abihaila, naho niterake i Abana vaho Molida tamine re. [30]Saleda vaho Apaima ro anadahy Nadaba, fa i
Saleda kea le mate tsy nanagnanake. Jisy ro anadahy Apaima. [31]Sesana ro anadahy Jisy. Ahelay ro anadahy
Sesana. [32]Reo anadahy Jada, rahalahy Samay, le Jatera vaho Jonatana. Mate tsy nanagnanake ty Jatera. [33]Paleta
vaho Zaza ro anadahy i Jonatana. Reo ro foko i Jeramela.[34]Naho Sesana tsy nanagnanake lahy, fa anakampela
avao. Nana mpanompo ty Sesana, ty Egyptiana, Jara ro agnarane. [35]Namea i Sesana ho ahy Jara mpanompone ty
anakampelane mba ho valine. Niterake i Atahy tamine re.[36]Atahy niterake i Natana, naho Natana niterake i
Zabada. [37]Zabada niterake i Efiala, naho Efiala niterake i Obeda. [38]Obeda niterake i Jeho, naho Jeho niterake i
Azaria.[39]Azaria niterake i Haleza, naho Hazela niterake i Elasa. [40]Elasa niterake i Sismay, naho Sismay niterake i
Saloma. [41]Saloma niterake i Jekamia, naho Jekamia niterake i Elisama.[42]Reo anadahy Kaleba, rahalahy Jeramela, le
Mesa anadahine voalohane, ty razambeine agne Zifa. Ty anadahine faharoe, Maresa, ro razambeine agne
Hebrona. [43]Kora, Tapoa, Rakema, naho Sema ro anadahy i Hebrona. [44]Sema niterake i Rahama, rae i Jorkeama.
Rakema niterake i Samay.[45]Maona ro anadahy Samay, naho Maona ro razamey Beti-zora. [46]Efaha, valitsindrano
Kaleba, niterake i Harana, Moza, naho Gazeza. Naho Harana niterake i Gazeza. [47]Ragema, Jotama, Gesana, Paleta,
Efaha, naho Safa ro anadahy i Jeday.[48]Maka, valitsindrano Kaleba, niterake i Sabera vaho Tirana. Niterake i Safa
razambeine agne Madmana, Seva razambeine agne Makbena vaho razambeine agne Gibea avao kea re. [49]Ty
anakampela Kaleba le i Aksa. Reo ro foko Kaleba. [50]Toa iaby ty anadahy Hora, anadahine voalohane bakamy
Efrata: Sobala razambeine agne Kiriata-jearima,[51]Salma razambey Betlehema, naho Harefa razambeine agne Beti-
gadera.[52]Sobala razambeine agne Kiriata Zarima le nana foko: Haroe, ty vaky ty vahoake Hamenakota, [53]naho reo
foko i Kiriata Zarima: le reo Jitrita, Potita, Somatita, naho Misraita. Reo Zoraita vaho Estaolita le foko bakamiereo.
[54]Toa magnarake toa ty foko i Salma: Betlehema, reo Netofatita, Atrota Beti-Joaba, naho ty vaky reo
Hamanatita__reo Zoraita, [55]reo foko reo mpanora-dala ze nitoboke tagne Jabeza le: reo Tiratita, Simeatita, naho ty
Sokatita. Reo ro Kenita ty foko bakamity Hamata, razambey reo Rekabita.

Chapter 3

[1]Naho toa iaby ty anadahy Davida ze naterane tagne Hebrona: Amnona ro lahy voalohane, ana i Ahinoma
bakagne Jezirela; Daniela ro faharoe, ana i Abigaila bakagne Karmela; [2]Absaloma, ana i Maka, anakampela i
Talmay mpanjaka i Gesora ro fahaefatre; [3]Safatia anadahy Abitala ro fahalime; Jitreama anadahy Egla valine ro
fahaene.[4]Reo ene reo ro natera i Davida tao Hebrona, ze nanjakane zisike ty fito tao vaho enem-bola. Bakeo re
nandily zisike ty telo amby telo-polo tao tamy Jerosalema. [5]Ty ajalahy efatre toa, ty bakamy Batsoa anakampela i
Amiela, le naterane tagne Jerosalema: Simea, Sobaba, Natana, naho Solomona.[6]Reo anadahy Davida sive hafa le:
Jibara, Elisama, Elifeleta, [7]Noga, Nafega, Jafia, [8]Elisama, Eliada, naho Elifeleta. [9]Reo ro anadahy Davida, tsy ao
agnate zay reo anane bakamireo valitsindranone. Tamara ro anabave iereo.[10]Rehoboama ro anadahy Solomona.
Abia ro anadahy Rehoboama. Asa ro anadahy Abia. [11]Josafata ro anadahy Asa. Jehorama ro anadahy Josafata.
Ahazia ro anadahy Jehorama. Joasy ro anadahy Ahazia. [12]Amazia ro anadahy Joasy. Azaria ro anadahy Amazia.
Jotama ro anadahy Azaria.[13]Ahaza ro anadahy Jotama. Hezekia ro anadahy Ahaza. [14]Manase ro anadahy Hezekia.
Amona ro anadahy Manase. Josia ro anadahy Amona.[15]Johanana ro ana i Josia voalohane, Joiakima ro faharoe,
Zedekia ro fahatelo, naho Saloma ro fahaefatre. [16]Jekonia vaho Zedekia ro anadahy Joiakima.[17]Reo anadahy
Jekonia, ty babo, le Sealtiela, [18]Malkirama, Pedaia, Senazara, Jekamia, Hosama, naho Nedabia.[19]Zerobabela vaho
Simey ro anadahy Pedaia. Mesolama vaho Hanania ro anadahy Zerobabela; Selomita ro anabave iereo. [20]Reo
anadahy dime hafa le Hasoba, Ohela, Berekia, Hasadia, naho Josaba-heseda. [21]Reo anadahy Hanania le Pelatia
vaho Jisaia. Refaia ro anadahine, naho Arnana, Obadia, vaho Sekania ro foko maro kea.[22]Semaia ro anadahy
Sekania. Hatosy, Jigala, Baria, Nearia, naho Safata ro anadahy Semaia. [23]Reo anadahy Nearia telo le Elioenay,
Hezekia, naho Azrikama. [24]Reo anadahy Elioenay fito le Hodaia, Eliasiba, Pelaia, Akoba, Johanana, Delaia, naho
Anany.

Chapter 4

[1]Reo foko i Joda le Fareza, Hezrona, Karmy, Hora, naho Sobala. [2]Sobala ro rae i Reaia. Reaia ro rae i Jahata. Jahata
ro rae i Ahomay vaho Lahada. Reo ro razambey ty foko reo Zoraita.[3]Toa iaby reo razambey reo foko tao amity
tana Etama: Jezirela, Jisma, naho Jidbasy. Hazelelpony ro agnara ty anabave iereo. [4]Penoela ro razambey ty foko
tao amity tana i Gedora. Ezera ro voaloha reo foko tao Hosa. Reo ro foko i Hora, ty anadahy voalohane Efrata
vaho razambeine agne Betlehema.[5]Asora razambeine agne Tekoa le nana valy roe, Hela vaho Nara. [6]Nara niterake
i Ahomaza, Hafera, Temeny naho Hahastary. Reo ro anadahy Nara. [7]Reo anadahy Hela le Zareta, Jizara, Etnana
[8]naho Hakoza, ty niterake i Anoba vaho Zobeba, vaho ty foko bakamity foko Aharela anadahy Haroma.[9]Jabeza le
voahaja kea teamy reo rahalahine. Jabeza ro nikaiha ty renene aze. Hoe re ty hoe:" Satria tamity hirifiry ro
niterahako aze." [10]Nikaike ty Zagnahare ty Israely ty Jabeza naho nanao hoe:" Laha hitahy ahy vatane Riha, le
habeizo ty farin-taneko, naho ty tagnanao hiaro ahy. Laha fa manao zay riha le hiaro ahy amity raty, mba ho
afake amity hirifiry raho!" Ka le nataon'Agnahare ty fivavahane.[11]Keloba rahalahy Soha niterake i Mehira, ty rae i
Estona. [12]Estoa niterake i Betirafa, Pasea, naho Tehina, ty nagnore ty tana Ir-nahasa. Reo iaby ty ndaty nitoboke
tao Reka.[13]Reo anadahy Kenaza le Otniela vaho Seraia. Reo anadahy Otniela le Hatata vaho Meonotahy.
[14]Meonotahy niterake i Ofra, naho Seraia niterake i Joaba, ty voaloha ty baibo ty mpiasa, ze mpanao asa-tagna ty
vahoakene. [15]Reo anadahy Kaleba anadahy Jefone le Iro, Elaha vaho Nama. Ty anadahy Elaha le Kenaza. [16]Reo
anadahy Jehalalila le i Zifa, Zifaha, Tiria naho Asarela.[17]Reo anadahy Ezra le i Jatera, Mareda, Efera naho Jalona.
Egyptiana valy Mareda le niterake i Miriama, Samay naho Jisba, ty razambeine agne Estemoa. Reo ro anadahy
Bitia, anakapela Farao, ze vinaly Mareda. [18]Ty jiosy valy Mareda le niterake i Jareda, niterake i Gedora; Hebera,
niterake i Soko; naho Jakotiela niterake i Zanoa.[19]Ty amireo anake roe lahy ty valy Hodia, anabave i Nahama, ty
raike le niterake i Keila Garmita. Ty hafa le Estemoa ty Makatita. [20]Reo anadahy Simona le i Amnona, Rina, Ben-
hanana, naho Tilona. Reo anadahy Jisy le i Zoheta vaho Ben-zoheta.[21]Reo foko Sela anadahy Joda le Era rae Leka,
Lada rae i Maresa vaho reo foko reo mpanao rongone foty malineke tagne Asbea, [22]Jokima, reo vahoake i Kozeba,
naho Joasy vaho Sarafa, ty nana hanagna tao Moaba, nefa nihere tagne Betlehema. (Bakamireo rake-tsoratre
taloha io fampahaia ao). [23]Ty ilane tamireo ndaty mpanefe tanemanga reo le nitoboke tao Netaima vaho Gadera
naho niasa ho ahy ty mpanjaka.[24]Reo foko Simeona le Nemoela, Jamina, Jariba, Zera naho Saoly. [25]Saloma ro
anadahy Saoly, Mibsama ro anadahy Saloma, naho Misma ro anadahy Mibsama. [26]Reo foko i Misma le i Hamoela
anadahine, Zakora zafene, naho Simey zafeafene.[27]Simey le nana anadahy ene amby folo naho anakampela ene.
Ty rahalahine le tsy nana anake maro, ka tsy nitombo manahake ty vahoake i Joda ty isa reo fokone. [28]Nitoboke
tao Beri-sheba, Molada, vaho tao Hazara-soala iereo.[29]Nitoboke tao Bila, Ezema vaho Tolada, [30]Betoela, Horma
vaho Ziklaga, [31]Beti-markabota, Hazora-sosima, Beti-biry naho Saraima avao kea iereo. Reo ro tana iereo
mandram-panjaka Davida.[32]Reo tana dime iereo le Etama, Aina, Rimona, Tokena, naho Asana, [33]niarake tamireo
tana magnodidy zisikagne Bala. Reo ro tana iereo, naho iereo ro nita ty tahiry ty tetiara.[34]Reo mpitarike ty foko le
i Mesobaba, Jamleka, Josa anadahy Amazia, [35]Joela, Jeho anadahy Josibia anadahy Seraia anadahy Asiela,
[36]Elioenay, Jakoba, Jesohaia, Asaia, Adiela, Jesimiela vaho Benaia, [37]naho Ziza anadahy Sify anadahy Alona
anadahy Jedaia anadahy Simry anadahy Semaia. [38]Reo agnara voatogno reo ro mpitarike tao amity foko iereo,
naho nitombo maro reo fokone.[39]Nimbaeo agnila i Gedora iereo, tagne amity ilane antignana ty baibo, mba hipay
akata ho ahy ty agnondry aman'ose. [40]Nahisake akata maro vaho soa iereo. Nalalake, nilamy, naho nangike ty
tane. Le fa nitoboke tao reo Hamita taloha. [41]Reo voahosotre agnara reo le niavy tamity andro i Hezekia mpanjaka
i Joda, ka nanafike ty tana Hamita vaho reo Meonita, ze tao avao kea. Rinava iereo vatane iereo naho nitoboke
tao satria nahisake akata ho ahy ty agnondry aman'ose iereo.[42]Nisy lahilahy diman-jato bakamity foko i Simeona
nimbaeo amity vohitse Seira, niarake tamireo mpitarike iereo le i Peletia, Nearia, Refaia, naho Oziela anadahy
Jisy. [43]Naharese ty sisa afake tamity Amalekita iereo, ka nitoboke tao zisikezao.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 5

[1]Reo anadahy Robena ty lahy voalohane Israely__naho Robena ro lahy voalohane Israely, kanefa namea reo
anadahy Josefa anadahy Israely ty hazokeane satria nandoto ty fandrean-draene ty Robena. Ka le tsy voasoratre
ho anadahy zokene vatane re. [2]Joda ro nimafe vatane tamireo rahalahine, naho bakamine ro niavia ty mpitarike.
Kanefa ty hazokeane le ahy Josefa__[3]reo anadahy Robena, ty lahy voalohane Israely le i Hanoka, Palo, Hezrona,
naho Karmy.[4]Toa iaby ty foko Joela: ty anadahy Joela le i Semaia. [5]Ty anadahy Semaia le i Goga. Ty anadahy Goga
le i Simei. Ty anadahy Simei le i Mika. Ty anadahy Mika le i Reaia. Ty anadahy Reaia le i Bala. [6]Ty anadahy Bala le
i Bera, ty nalae Tiglato-pilesera mpanjaka i Asyria ho babo. Bera le mpitarike tao amity foko i Robena.[7]Toa
magnarake toa ty longo i Bera bakamireo fokone, ze voaisake ao amity tahiry ty tetiara iereo: Jeiela ro zokene
vatane, Zakaria, vaho [8]Bela anadahy Azaza anadahy i Sema anadahy Joela. Nitoboke tagne Aroera, zisikagne
Nebo naho Balameona, [9]naho mianignana manomboke eo amity efetre ze mihabey zisikagne amity rano i Efrata
iereo. Zay le satria nana biby hare maro teo amity tane Gileada iereo.[10]Tamity andro Saoly, le nanafike reo
Hagrita ty foko i Robena naho naharese iereo. Nitoboke tao amity tragno reo Hagrita nagnera ty tane iaby tagne
antignana Gileada iereo.[11]Nitoboke teo agnila iereo ty mpikamba tao amity foko i Gada, teo amity tane Basana
zisikagne Saleka. [12]Ty mpitarike iereo le i Joela, ty bey ty foko, naho Safama ro bey ty foko hafa, naho Janay vaho
Safata tagne Basana. [13]Reo longo iereo, bakamireo longon-draene, le i Mikaela, Mesolama, Seba, Joray, Jakana, Zia,
naho Ebera__fito ty fiharoane.[14]Reo ndaty voatalily agnara ambane eo reo ro foko i Abihaila, naho Ahihaila le
anadahy Hory. Hory le anadahy Jaroa. Jaroa le anadahy i Gileada, Gileada le anadahy Mikaela. Mikaela le
anadahy Jesisay. Jesisay le anadahy Jado. Jado le anadahy Boza. [15]Ahia anadahy Abdiela anadahy Gony, ro loham-
pokon-drae iereo.[16]Nitoboke tao Gileada, tagne Basana, tao amity rovane iereo, naho tao amity tane fihinanam-
bilo Sarona iaby zisikagne amity sisin-tane. [17]Reo iaby reo le voaisake arake ty tahiry tetiara tamity andro i
Jotama mpanjaka Joda vaho tamy Jeroboama mpanjaka Israely.[18]Reo Robenita, reo Gadita, naho ty vaky ty foko i
Manase le nana miaramila efatrarivo vaho efatrale voanatre ho amin'aly, te nita ampinga vaho meso, naho
naninto ty folese. [19]Nanafike reo Agarita, Jetora, Nafisy, naho Nodaba iereo.[20]Nandrae fagnampea
bakamin'Agnahare iereo mba hagnisia iereo. Tamize fomba zay, ro naharese reo Agarita vaho iaby ze niarake
tamiereo. Zay le satria nangatake tamin'Agnahare tagne agnaly ty Israelita, naho namale iereo Re, satria nanao ty
fatokiane tamine iereo. [21]Tsinepa iereo ty biby hare, agnate zay ty rameva dime ale, agnondry aman'ose 250.000,
borike roa arivo, naho lahilahy 100.000. [22]Satria Zagnahare nialy ho ahy iereo, le vinono iereo ty hamaroa reo
fahavalo. Nitoboke tao amity tanene iereo mandram-pahavy ty fangala.[23]Nitoboke teo amity tane Basana
zisikagne Bala Hermona vaho Senira (Vohitse Hermona zay) ty vaky ty foko Manase. Toa iaby ty mpitarike ty foko
iereo: Efera, Jisy, Eliala, Azriela, Jeremia, Hodavia, naho Jadiela. Iereo le lahilahy mahere vaho bey risim-po,
lahilahy malaza, mpitarike ty foko iereo.[25]Kanefa tsy natoky ty Zagnahare reo razambeine iereo. Fa kea, nanompo
ty zagnahare reo vahoake ty tane, ze le fa rinavan'Agnahare teo agnoloa iereo. [26]Ty Zagnahare Israely nandrisike i
Pola mpanjaka i Asyria (atao ty hoe kea Tiglato-pilesera, mpanjaka i Asyria). Nalefane sese-tane reo Robenita,
Gadita, naho ty vaky ty foko Manase. Nientene tagne Hala, Habora, Hara, naho tagne amity rano Gozana iereo, ty
hitoboha iereo zisikandroany.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

[1]Reo anadahy Levy le i Gersona, Kehata, naho Merary. [2]Reo anadahy Kehata le i Amrama, Jizara, Hebrona, naho
Oziela. [3]Reo ana i Amrama le i Arona, Mosesy naho Miriama. Reo anadahy Arona le Nadaba, Abiho, Eleazara,
naho Itamara.[4]Eleazara niterake i Finehasa, naho Finehasa niterake i Abisoa. [5]Abisoa niterake i Boky, naho Boky
niterake i Ozy. [6]Ozy niterake i Zerahia, naho Zerahia niterake i Meraiota.[7]Meraiota niterake i Amaria, naho
Amaria niterake i Ahitoba. [8]Ahitoba niterake i Zadoka, naho Zadoka niterake i Ahimaza. [9]Ahimaza niterake i
Azaria, naho Azaria niterake i Johanana.[10]Johanana niterake i Azaria, ty nanompo tao amity tempoly ze
namboare i Solomona tagne Jerosalema. [11]Azaria niterake i Amaria, naho Amaria niterake i Ahitoba. [12]Ahitoba
niterake i Zadoka, naho Zadoka niterake i Saloma.[13]Saloma niterake i Hilkia, naho Hilkia niterake i Azaria.
[14]Azaria niterake i Seraia, naho Seraia niterake i Jozadaka. [15]Lasa babo ty Jozadaka laha fa natao Yaveh sese-tane
tamity tana i Nebokadnezara ty Joda vaho Jerosalema.[16]Reo anadahy Levy le i Gesrona, Kehata, naho Merary.
[17]Reo anadahy Gesrona le i Libny vaho Semey. [18]Reo anadahy Kehata le i Amrama, Jizara, Hebrona, naho Oziela.
[19]Reo anadahy Merary le i Maly vaho Mosy. Lasa foko i Levita bakamireo fokon-draene iereo. [20]Reo foko Gesrona
le nanomboke tamy Libny anadahine. Ty anadahy Libny le i Jahata. Ty anadahine le i Zima. [21]Ty anadahine le i
Joa. Ty anadahine le i Ido. Ty anadahine le i Zera. Ty anadahine le i Jeateray.[22]Reo foko i Kehata le nanomboke
tamy Aminadaba anadahine. Ty anadahine le i Kora. Ty anadahine le i Asira. [23]Ty anadahine le i Elkana. Ty
anadahine le i Ebiasafa. Ty anadahine le i Asira. [24]Ty anadahine le i Tahata. Ty anadahine le i Oriela. Ty
anadahine le i Ozia. Ty anadahine le i Saoly.[25]Reo anadahy Elkana le i Amasay, Ahimota, naho Elkana. [26]Ty
anadahy Elkana faharoe toy le i Zofay. Ty anadahine le i Nahata. [27]Ty anadahine le i Eliaba. Ty anadahine le i
Jerohama. Ty anadahine le i Elkana.[28]Reo anadahy Samoela, le i Joela lahy voalohane, naho Abia, ro faharoe. [29]Ty
anadahy Merary le Maly. Ty anadahy Libny. Ty anadahine le Semey. Ty anadahine le Oza. [30]Ty anadahine le
Simea. Ty anadahine le Hagia. Ty anadahine le Asaia.[31]Toa iaby reo agnara reo lahilahy ze natao Davida hita ty
zaka-magneno tao antragno Yaveh, tafara ty nijanogna ty tomabile tao. [32]Nanompo tamity fiantsa nagnoloa ty
tabernakele, ty tragno lay fivoria iereo, mandram-pahavita Solomona ty tragno Yaveh tagne Jerosalema. Nahavita
ty adidine nifagnarake tamireo toro-hevetre ze namea aze iereo.[33]Toa reo ze nanompo niarake tamireo
anadahine. Bakamity foko ty Kehatita ty Hemana mpititike zaka-magneno. Toa iaby reo razambeine, mihere
arake ty andro: Hemana ro anadahy Joela. Joela ro anadahy Samoela. [34]Samoela ro anadahy Elkana. Elkana ro
anadahy Jerohama. Jerohama ro anadahy Eliala. Eliala ro anadahy Toa. [35]Toa ro anadahy Zofa. Zofa ro anadahy
Elkana. Elkana ro anadahy Mahata. Mahata ro anadahy Amasay. Amasay ro anadahy Elkana.[36]Elkana ro anadahy
Joela. Joela ro anadahy Azaria. Azaria ro anadahy Zefania. [37]Zefania ro anadahy Tahata. Tahata ro anadahy Asira.
Asira ro anadahy Ebiasafa. Ebiasafa ro anadahy Kora. [38]Kora ro anadahy Jizara. Jizara ro anadahy Kehata. Kehata
ro anadahy Levy. Levy ro anadahy Israely.[39]Asafa ro mpiraike miasa tamy Hemana, ty nitsanga teo amity tagnane
ankavana. Asafa ro anadahy Berekia. Berekia ro anadahy Simea. [40]Simea ro anadahy Mikaela. Mikaela ro
anadahy Beseia. Beseia ro anadahy Malkia. Malkia ro anadahy Etny. Etny ro anadahy Zera. Zera ro anadahy
Adaia. [42]Adaia ro anadahy Etana. Etana ro anadahy Zima. Zima ro anadahy Simey. [43]Simey ro anadahy Jahata.
Jahata ro anadahy Gersona. Gersona ro anadahy Levy.[44]Teo amity tana ankavia i Hemana reo anadahy Merary ze
mpiraike miasa tamine. Agnate zay ty Etana anadahy Kisy. Kisy le anadahy Abdia. Abdia ro anadahy Maloka.
[45]Maloka ro anadahy Hasabia. Hasabia ro anadahy Amazia. Amazia ro anadahy Hilkia. [46]Hilkia ro anadahy Amzy.
Amzy ro anadahy Bany. Bany ro anadahy Samera. [47]Samera ro anadahy Maly. Maly ro anadahy Mosy. Mosy ro
anadahy Merary. Merary ro anadahy Levy.[48]Reo mpiraike miasa amiereo, reo Levita, le voatendre hanao ty asa
iaby ho ahy ty tabernakele, ty tragnon'Agnahare.[49]Arona vaho reo anadahine ro nanao ty fagnatetre teo amity
alitara ho ahy ty fagnatetre oroa; vaho ty fagnatetre teo amity alitara ty liten-ketae magnitre ho ahy ty asa iaby eo
amity toera masy vatane. Reo fagnatetre reo ro nagnanova fagnavota ho ahy Israely, arake ze iaby nandilia
Mosesy ty mpanompon'Agnahare.[50]Reo foko i Arona le voaisake hoe ze magnarake zao: ty anadahy Arona le
Eleazara. Ty anadahy Eleazara le Finehasa. Ty anadahy Finehasa le Abisoa. [51]Ty anadahy Abisoa le Boky. Ty
anadahy Boky le Ozy. Ty anadahy Ozy le Zerahia. [52]Ty anadahy Zerahia le Meraiota. Ty anadahy Meraiota le
Amaria. Ty anadahy Amaria le Ahitoba. Ty anadahy Ahitoba le Zadoka. Ty anadahy Zadoka le i Ahimaza.[54]Toa
iaby reo toera ze voatondro hitoboha reo foko i Arona, ze natao ho ahy reo foko i Arona ze bakamity foko ty
Kehatita (ty loka voalohane le ahy iereo). [55]Namea iereo iereo Herona agne amity tane Joda vaho reo tane
fihinanam-bilone, [56]fa reo baibo ty tana vaho reo vohine kea le namea iereo i Kaleba anadahy Jefone.[57]Ho ahy reo
foko i Arona le namea iereo: Hebrona (tana ty fialofa), vaho Libna miarake amireo tane fihinanam-bilone, Jatira,
Estemoa miarake amireo tane fihinanam-bilone, [58]Hilena miarake amireo tane fihinanam-bilone, naho Debira
miarake amireo tane fihinanam-bilone.[59]Namea iereo ho ahy reo foko i Arona: Asana miarake amireo tane


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

fihinanam-bilone vaho Beti-semesy miarake amireo tane fihinanam-bilone; [60]naho bakamity foko ty Benjamina ro
nagnomea iereo i Geba miarake amireo tane fihinanam-bilone, Alemeta miarake amireo tane fihinanam-bilone,
naho Anotata miarake amireo tane fihinanam-bilone. Io tana iereo iaby le misake telo amby folo.[61]Ho ahy reo
foko i Kehata sisane le namea iereo iereo tamity filoka reo tana folo bakamity vaky ty foko Manase. [62]Ho ahy reo
foko i Gersona amireo fokone isan-karazane le namea ho aze ty tana telo amby folo bakamireo foko Isakara,
Asera, Naftaly, naho ty vaky ty foko i Manase tagne Basana.[63]Ho ahy reo foko i Merary le namea iereo tana roe
amby folo, arake reo fokone, bakamity foko i Robena, Gada, naho Zebolona. [64]Naho le namea iereo nadty Israely
ho ahy reo Levita reo tana reo miarake amireo tane fihinanam-bilone. [65]Tinendre iereo tamity filoka reo rova
voarehake taloha eo bakamity foko Joda, Simeona, naho Benjamina.[66]Ho ahy reo foko ty Kehatita ilane le namea
iereo tana bakamity foko i Efraima. [67]Namea iereo iereo: Sekema ( tana ty fialofa) miarake amireo tane
fihinanam-bilone tagne amity tane tazoa Efraima, Gazera miarake amireo tane fihinanam-bilone, [68]Jokmeama
miarake amireo tane fihinanam-bilone, Beti-horona miarake amireo tane fihinanam-bilone, [69]Aialona miarake
amireo tane fihinanam-bilone naho Gata-rimona miarake amireo tane fihinanam-bilone.[70]Namea reo vaky ty foko
i Manase reo Kehatita: Amera miarake amireo tane fihinanam-bilone vaho Bileama miarake amireo tane
fihinanam-bilone. Lasa fanagna reo foko ty Kehatita sisa reo.[71]Ho ahy reo foko i Gersona tsy ao agnate ty vaky ty
foko i Manase, namea iereo: Golana agne Basana miarake amireo tane fihinanam-bilone vaho Astarta miarake
amireo tane fihinanam-bilone. [72]Namea ty foko Isakara reo foko Gersona: Kadesy miarake amireo tane
fihinanam-bilone, Daberata miarake amireo tane fihinanam-bilone, [73]Ramota miarake amireo tane fihinanam-
bilone, naho Anema miarake amireo tane fihinanam-bilone.[74]Nalae Isakara bakamity foko i Asera: Masala
miarake amireo tane fihinanam-bilone, Abdona miarake amireo tane fihinanam-bilone, [75]Hokoka miarake amireo
tane fihinanam-bilone, naho Rehoba miarake amireo tane fihinanam-bilone. [76]Nalae iereo bakamity foko i
Naftaly: Kadesy agne Galilia miarake amireo tane fihinanam-bilone, Hamona miarake amireo tane fihinanam-
bilone, naho Kiriataima miarake amireo tane fihinanam-bilone.[77]Ho ahy ty sisa amireo Levita, reo foko Merary, le
namea ty foko Zebolona: Rimono miarake amireo tane fihinanam-bilone vaho Tabara miarake amireo tane
fihinanam-bilone. [78]_79Le namea ho ahy iereo avao kea, ty teo andafe Jordana agne Jeriko, teo antignana ty Rano:
Bazera tagne agnefetre miarake amireo tane fihinanam-bilone, Jaza miarake amireo tane fihinanam-bilone,
Kedemota miarake amireo tane fihinanam-bilone, Mefata miarake amireo tane fihinanam-bilone. Reo ro namea
bakamity foko i Robena.[80]Nalae reo Levita bakamity foko i Gada: Ramota agne Gileada miarake amireo tane
fihinanam-bilone, Mahanaima miarake amireo tane fihinanam-bilone, [81]Hesbona miarake amireo tane
fihinanam-bilone, naho Jazera miarake amireo tane fihinanam-bilone.

Chapter 7

1Reo anadahy Jisakara efatre le i Tola, Poa, Jasoba naho Simrona. 2Reo anadahy Tola le Ozy, Refaia, Jeriela, Jamay,
Jibsama naho Samoela. Iereo ro lohane ao amity foko ty rae iereo, bakamity foko i Tola naho iereo le agnate reo
mpialy mahere tamity andro iereo. 22,600 ro isa iereo tamty andro Davida. 3Ty ana i Ozy le i Jizrahia. Reo
anadahine le Mikaela, Obadia, Joela, naho Jisia, ie dime reo le mpitarike foko iaby.4Andian-tafike ene arivo vaho
telo ale hiatreke aly ro niarake tamiereo, arake ty lisite ty foko ty razambey iereo, satria iereo le nana valy
aminanake maro bey. 5Reo rahalahine, bakamity foko i Jisakara, le nana lahilahy mpialy fito arivo vaho valo ale,
arake ty lisite ty foko ty razambey iereo.6Reo ana i Benjamina telo lahy le i Bela, Bakera, naho Jediaela. 7Roe ana i
Bela dime lahy le i Ezbona, Ozy, Oziela, Jerimota, naho Iry. Iereo le miaramila vaho loha reo foko. Nisake 22,034
reo lahilahy mpialy, arake ty lisite ty foko ty razambey iereo.8Reo anadahy i Bakera le i Zemira, Joasy, Eliezera,
Elioenay, Omry, Jerimota, Abia, Anatota, naho Alameta. Reo iaby reo le anadahine. 9Ty lisite ty foko iereo le
misake 20,200 foko mpitarike vaho lahilahy mpialy. 10Ty anadahy Jediaela le i Bilana. Reo anadahy Bilana le i
Jeosy, Benjamina, Ehoda, Kenana, Zetana, Tarsisy naho Ahisahara.11Reo iaby reo ro anadahy Jediaela. Reo
voasoratre ao amity lisite ty foko iereo le nisy mpitarike vaho lahilahy mpialy 17,200 lany ho amity raraha
miaramila. 12(Ty anadahy Iry le i Sopima vaho Hopima, naho Hosima le anadahy Ahera.)13Ty anadahy Naftaly le
Jaziela, Gony, Jezera, naho Saloma. Reo ro zafekele Bila.14Nana anadahy atao hoe Asriela ty Manase, ty natera
Syriana valitsindranone. Re kea le niterake i Matira, rae i Gileada. 15Nangalake valy bakamy Hopima vaho Sopima
ty Makira. Imaka ty agnara ty rahavavene. Foko i Manase hafa kea ty Zelofada, ze nanagnanake vave raike.
16Imaka valy Makira, le niterake kolo lahy naho natao ty hoe Paresy. Ty agnara ty rahalahine le Saresy, naho reo
anadahine le i Olama vaho Rakema.17Ty anadahy Olama le Bedana. Reo ro foko i Gileada anadahy Makira
anadahy Manase. 18Hamoleketa anabave Gileada le niterake an' Isehoda, Abiezera, naho Mahala. 19Reo anadahy
Semida le Ahiana, Sekema, Liky naho Aniama.20Ty foko Efraima le toa: Ty anadahy Efraima le i Sotela. Ty
anadahy Sotela le i Bareda. Ty anadahy Bareda le i Tahata. 21Ty anadahy Tahata le i Elada. Ty anadahy Elada le
Tahata. TY anadahy Tahata le Zabada. Ty anadahy Zabada le Sotela. (Ezera vaho Elada le vinono reo lahilahy
Gata, tompon-tane, laha fa nindeha nangalatre ty biby hare iereo. 22Nandala ho aze iereo zisike ty andro maro ty
Efraima rae iereo, naho niavy nagnamafe iereo rahalahine.23Niroro niarake tamity valine re. Nibevoka naho
niterake lahy. Natao ty hoe Beria re, satria nisy hasahira niavy teo amity fokone. 24Ty anakampelane le i Sera, ty
nagnore i Beti-horona ambane vaho ambone naho Ozena-sera.)25Ty anadahine le i Refa. Ty anadahy Refa le i
Rasefa. Ty anadahy Rasefa le i Tela. Ty anadahy Tela le i Tahana. 26Ty anadahy Tahana le i Ladana. Ty anadahy
Ladana le i Amihoda. Ty anadahy Ahimoda le i Elisama. 27Ty anadahy Elisama le i Nona. Ty anadahy Nona le i
Josoa.Reo fanagna vaho tana iereo leBetela vaho reo ana-bohine magnodidy aze. Iereo le nihabey zisikagne
antignana Narana vaho tagne ahandrefa Gazera vaho reo ana-bohine, naho tagne Sekema vaho reo ana-bohine
zisikagne Gaza vaho reo ana-bohine. 29Tegne amity sisin-tane Manase ro nisy i Beti-sana vaho reo ana-bohine,
Tanaka vaho ty ana-bohine, Megido vaho ty ana-bohine, naho Dora vaho reo ana-bohine. Tegne amireo tanam-
bey reo ro nitoboke reo foko Josefa anadahy Israely.30Ty anadahy Asera le Jimna, Jisva, Jisvy, naho Beria. Sera ro
anabave iereo. 31Ty anadahy Beria le i Hebera vaho Malkiela, ty rae i Birzavita. 32Reo anadahy Hebera le i Jafleta,
Somera, naho Hotama. Soha ro anabave iereo.33Reo anadahy Jafleta le i Pasaka, Bimala, naho Asvata. Reo ro ana i
Jafleta. 34Somera, rahalahy Jafleta, le nana ty anadahy toa: Rohaga, Hoba naho Arama. 35Helema, rahalahy Semera,
le nana ty anadahy toa: Zofa, Jimna, Selesy, naho Amala.36Reo anadahy Zofa le i Soha, Harnefera, Soala, Bery,
Jimra, 37Bazera, Hoda, Sama, Silsa, Jitrana, naho Bera. 38Reo anadahy Jatera le Jefone, Pispa, naho Ara.39Reo
anadahy Ola le Ara, Haniela, naho Rizia. 40Reo iaby reo ro foko i Asera. Iereo ro razambey ty foko iereo, mpitarike
ty foko iereo, lahilahy manan-kasy, lahilahy mpialy, naho bey teo amireo mpitarike. Enegnarivo vaho roe ale
vaho agnate reo lahilahy ze lany hanao miaramila, arake ty isake agnate lisite iereo.

## Chapter 8

[1]Reo anake Dime lahy i Benjamina le Bela voalohane, Asbela, Ahara, [2]Noha, naho Rafa. [3]Reo anadahy Bela le
Adara, Gera, Abihoda, [4]Abisoa, Namana. Ahoa, [5]Gera, Sefofana, naho HoramaToa ty foko Ehoda ze loha ty foko ty
vahoake i Geba, ze voasere nifindra tagne Manahata: [7]Namana, Ahia, naho Gera, ty nitarike iereo tamity fifindra
iereo. Re ro rae i Oza vaho Ahihoda.[8]Saharaima le niterake tagne antane Moaba, tafara ty nisarahane am-
panambalia tamy Hosima vaho Bara valine. [9]Tamy Hodesy valine, ro niteraha Saharaima i Jobaba, Ziba, Mesa,
Malkama, [10]Jeoza, Sakia, naho Mirma. Reo ty anadahine, mpitarike tao amity fokone. [11]Le fa niterake Abitoba vaho
Elpala tamy Hosima avao kea re.[12]Ty anadahy Elpala le i Ebera, Misama, vaho Samera (ty nagnore i Ono vaho
Loda naho ty ana-bohine magnodidy). [13]Teo avao kea ty Beria vaho Sema. Loha reo foko nitoboke tagne Aialona,
ty nandroake ty vahoake Gata iereo.[14]Toa iaby ty anadahy Beria: Ahio, Sasaka, Jeremota, [15]Zebadia, Arada, Adera,
[16]Mikaela, Jispa, naho Joha. [17]Toa iaby ty anadahy Elplala: Zebadia, Mesolama, Hizky, Hebera, [18]Jismeray, Jizlia,
naho Jobaba.[19]Toa iaby ty anadahy Simey: Jakima, Zikry, Zabdy, [20]Elienay, Ziletahy, Eliala, [21]Adaia, Beraia, naho
Simrata.[22]Toa iaby ty anadahy Sasaka: Jispana, Hebera, Eliala, [23]Abdona, Zikry, Hanana, [24]Hanania, Elama, Antotia,
[25]Jifdia, naho Penoela.[26]Toa ty anadahy Jerohama: Samseray, Seharia, Atalia, [27]Jaresia, Elia, naho Zitry. [28]Reo ro loha
ty foko vaho mpitarike ze nitoboke tao Jerosalema.[29]Ty razambey Gibeona, le i Jehiela, ty atao ty hoe Imaka ty
valine, le nitoboke tao Gibeona. [30]Ty anadahine voalohane le i Abdona, narahe Zora, Kisy, Bala, Nadaba, [31]Gedora,
Ahio, naho Zakera.[32]Anadahy Jehiela hafa ty Miklota, ty niterake i Simea. Nitoboke tegne agnila ty longone tegne
Jerosalema avao kea iereo. [33]Nera le rae Kisy. Kisy le rae Saoly. Saoly le rae Jonatana, Malkisoa, Abinadaba, naho
Esbala. [34]Meribala le anadahy Joanatana. Meribala le rae i Mika.[35]Ty anadahy Mika le i Pitona, Maleka, Tarea,
naho Ahaza. [36]Ahaza le rae i Joada. Joada le rae i Alemeta, Azmaveta, naho Zimry. Zimry le rae i Moza. [37]Moza le
rae i Binea. Binea le rae i Rafa.Rafa le rae Elasa. Elasa le Rae Azela.[38]Nanagnanake ene mpirahalahy ty Azela:
Azrikama, Bokero, Isimaela, Searia, Obadia, naho Hanana. [39]Ana i Azela iaby iereo. Ty anadahy Eseka, rahalahine,
le Olama anadahine voalohane, Jeosy lahy agnivo, naho Elifeleta fahatelo. [40]Lahilahy mpialy vaho mpanao folese
reo anadahy Olama. Nana anake vaho zafe mare iereo, 150 ty fiharoane. Reo iaby reo le agnate ty foko i
Benjamina.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 9

[1]Ka le voasoratre tao amireo tetiara ty Israely iaby. Naho voasoratre tao amity boke reo mpanjaka Israely iereo.
Laha ty amy Joda, le nalefa sese-tane tagne Babylona iereo noho ty hadisoane. [2]Ty nitoboke voalohane tagne
amity tana iereo le ty ilane tamireo Israelita, reo mpisoro, reo Levira, naho reo mpanompo ty tempoly. [3]Ty ilane
tamireo foko i Joda, Benjamina, Efraima, naho Manase le nitoboke tagne Jerosalema.[4]Reo mpivahiny le nahisaha i
Otahy anadahy Amihoda anadahy Omry anadahy Imry anadahy Bany, raike amireo foko i Fareza anadahy Joda.
[5]Teo amireo Silonita le i Asay ty lahy voalohane vaho reo anadahine. [6]Teo amireo foko i Zera le i Jeoela. Ty foko
iereo le nisake 690.[7]Teo amireo foko i Benjamina le i Salo anadahy Mesolama anadahy Hodavia anadahy
Hasenoa. [8]Teo avao kea Jibnia anadahy Jerohama; Elaha anadahy Ozy anadahy Mikry, naho Mesolama anadahy
Sefatia anadahy Regoela anadahy Jibnia. [9]Reo longo iereo ze voasoratre tao amity lisite ty tetihara le nisake 956.
Reo lahilahy iaby reo ro mpitarike tamity foko ty razambey iereo.[10]Reo mpisoro le i Jedaia, Joiariba, naho Jatina.
[11]Teo avao kea ty Azaria anadahy Hilkia anadahy Mesolama anadahy Zadoka anadahy Meraiota anadahy Ahitoba,
ty raike ze mita ty tragnon'Agnahare.[12]Teo ty Adaia anadahy Jerohama anadahy Pasora anadahy Malkia. Teo avao
kea ty Masay anadahy Adiela anadahy Jazera anadahy Mesolama anadahy Mesilemita anadahy Imera. [13]Roe longo
iereo, ty mpitarike tao amity fokon-drazambey iereo le nisake 1,760. Tena lahilahy nahay tamity asa ty
tragnon'Agnahare iereo.[14]Teo amireo Levita, le nisy i Semaia anadahy Asoba anadahy Azrikama anadahy Asabia,
teo amireo foko i Merary. [15]Le teo avoa kea ty Bakbakara, Haresy, Galala, naho Matania anadahy Mika anadahy
Zikry anadahy Asafa. Teo avao kea Obadia anadahy Semaia anadahy Galala anadahy Jedotona; naho Berekia
anadahy Asa anadahy Elkana, ty nitoboke tagne amity vohy reo Netotatita.[17]Reo mpiambe varavara le Saloma,
Akoba, Talmona, Ahimana, naho reo foko iereo. Saloma ro mpitarike iereo. [18]Tagne aloha le nitsanga niambe ty
vavahady ty mpanjaka tagne amity sisine antignana ho ahy ty tobe reo foko Levy iereo. [19]Saloma anadahy Kore
anadahy Abiasafa, ty anadahy Kora, vaho reo longone iaby amity fokon-draene, reo Koraita, ro nita ty amity asa
fanompoa, niambe ty varavara ty tragno lay iereo, arake ty le fa niambena reo razambey iereo ty tobe Yaveh,
naho le fa niambe ty filira avao kea iereo.[20]Finehasa anadahy Eleazara le fa nita iereo taloha, naho niomba aze
Yaveh. [21]Zakaria anadahy Meselimia le mpiambe ty filira amity tempoly, ty "tragno lay fivoria."[22]Nisake 212 reo
iaby ze voafily ho mpiambe ty vavahady eo amity filira. Ty agnara iereo le voata tao amity tahirinagnara reo
vahoake tao antana iereo. Davida vaho Samoela mpahisake le fa nametrake iereo tamity fatokia. [23]Ka iereo vaho
ty ana iereo ro niambe reo vavahady ty tragno Yaveh, ty tabernakele. [24]Reo mpiambe vavahady le nitoboke tagne
amireo sisine efatre iaby, mbaeo antignana, ahandrefa, avaratre, naho antimo.[25]Reo rahalahy iereo, ze nitoboke
tagne amity tana iereo, le nifandimbe tao, isan-kafitoa. [26]Fa reo mpitarike efatre ty mpiambe ty vavahady, te
Levita, le tinendre mba hiambe reo efetre vaho reo tragno fomoriam-bokatre tao antragnon'Agnahare. [27]Nandany
ty hale teo amity toera magnodidy ty tragnon'Agnahare iaby iereo, satria tompon'antoke amity fiambena zay.
Naho hamoha zay isa-maray iereo.[28]Ty ilane tamiereo le nita ty raraha ty tempoly; nagnisake reo fanake iereo
laha fa nampilire vaho nakare reo. [29]Maro tamiereo avao kea ro voatendre hikara-kara reo zaka masy, ty raraha,
vaho reo vatse, agnate zay ty koba soa lisa, ty divay, ty diloilo, vaho liten-ketae magnitse, naho reo zaka-magnitse.
[30]Ty ilane tamireo anadahy ty mpisoro le nagnaro reo zaka-magnitse. [31]Matatia, raike tamireo Levita, ty anadahy
voalohane Saloma Koraita, ro nita ty fikara-kara ty mofo ho amireo fagnatetre. [32]Ty ilane tamity rahalahy iereo,
foko ty Kehatita, ro nita ty mofo ty fiatrefa, mba hikara-kara zay isake ty Sabata.[33]Reo mpiantsa vaho reo
mpitarike ty foko ty Levita le nitoboke tao amity efetragno masy laha fa tsy miasa iereo, satria tsy maintsy nanao
reo raraha namea andro aman'ale. [34]Toa iaby reo mpitarike ty foko teo amireo Levita, ze voaisake tao amity
tahirin-tetiara iereo. Nitoboke tagne Jerosalema iereo.[35]Ty razambey ty agne Gibeona, Jeiely, ty atao hoe Imaka ty
agnaram-baline, le nitoboke tagne Gibeona. [36]Abdona ro lahy voalohane, bakeo reo anadahine Zora, Kisy, Bala,
Nera, Nadaba, [37]gedora, Ahio, Zakaria, naho Miklota.[38]Miklota ro rae Simeama. Nitoboke tagne agnila reo
rahalahine tagne Jerosalema avao kea iereo. [39]Nera ro rae Kisy. Kisy ro rae i Saoly. Saoly ro rae i Jonatane,
Malkisoa, Abinadaba, naho Esbala. [40]Meribala ro anadahy Jonatana. Naho Meribala ro rae i Mika.[41]Reo anadahy
Mika le Pitona, Malekan Tarea, naho Ahaza. [42]Ahaza ro rae i Jara. Jara ro rae i Alemeta, Azmaveta, naho Zimry.
Zimry ro rae i Moza. [43]Moza ro rae Binea. Binea ro rae i Refaia. Refaia ro rae i Elasa. Elasa ro rae Azela. [44]Reo
anadahy ene i Azela le Azrikama, Bokero, Isimaela, Searia, Obadia, naho Hanana. Reo ro anadahy Azela.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

2Nagnia marine i Saoly vaho ty anadahine reo Filistina. vinono reo Filistina ty Jonatana, Abinadaba, vaho
Malkisoa, anadahine. 3Navesatre tamy Saoly ty aly, naho nahatratre iereo mpandefa folese. Tao agnate hirifiry
mafe re noho reo mpandefa folese.4Le hoe Saoly tamity mpinday ty fialiane hoe:" Akaro ty mesonao ka tomboho
amizay raho. Laha tsy zay le hoavy hagnararaotre ahy reo tsy voasavatre reo." Nefa tsy nagnenke ty mpinday ty
fialiane , satria natahotre mafe re. Ka le nalae Saoly ty mesone naho lavo teo amizay re.5Laha fa hisa ty mpinday
ty fialiane fa mate Saoly, le lavo tamity mesone manahake zay kea re ka mate. 6Le mate Saoly, vaho reo anane telo
lahy, ka le niarake nimate reo fokone iaby.7Laha fa hisa ty lahilahy Israely iaby tegne ambaibo fa le fa nilay iereo,
naho mate Saoly vaho reo anadahine, le niala ty tana iereo naho nilay. Le niavy reo Filistina naho nitoboke teo
amiereo. 8Naho ty hamaray, laha fa niavy nangalake ty mate reo Filistina, le nahisake Saoly vaho reo anadahine
lavo teo ambohitse Gilboa.9Nalae iereo naho nientene ty lohane vaho ty fialiane. Nagnirake mpinday talily
nagnera i Filistina mba hinday reo vaovao teo amireo sampe vaho teo amity vahoake iereo. 10Natobo iereo tao
antempoly ty zagnahare iereo ty fialiane, naho finehe iereo tao antempoly Dagona ty lohane.11Laha fa naharey
iaby ze natao reo Filistina tamy Saoly ty vahoake i Jabesa-gileada iaby, 12le nindeha ty lahilahy mpialy iaby naho
nangalake ty fate Saoly vaho ty ahy reo anadahine, naho ninday reo tagne amy Jabesy. Naleve iereo tao ambane
ty hetae terebinta ty taola iereo ka nifaly hane hafitoa iereo.13Naho mate Saoly satria tsy natoky Yaveh re. Tsy
nagnenke reo lily Yaveh re, fa nipay hevetre tamity ndaty ze nirehake tamity mate. 14Tsy nipay toro-lala tamy
Yaveh re, ka le vinono Yaveh naho nafindrane tamy Davida anadahy Jese ty fanjaka.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 11

[1]Le niavy tagne amy Davida tao Hebrona ty Israely iaby naho nanao ty hoe:" Ingo, nofonao vaho taolanao zahay.
[2]Vaho tsy ela kea, laha nanjaka teo aminay Saoly, le riha ro nitarike ty tafike Israelita. Yaveh Zagnaharenao
nirehake taminao hoe:' Ho mpiambe Israely vahoakeko riha, naho riha ro ho lasa mpandily eo amy Israely
vahoakeko."' [3]Laha zao le niavy tagne amity mpanjaka Israely tao Hebrona reo olobey Israely iaby, naho Davida
nanao fagnenkea tamiereo teo agnoloa Yaveh. Nagnosotre i Davida ho mpanjaka Israely iereo. Tamize fomba zay,
le lefe ty safa Yaveh ze natalily Samoela.[4]Nindeha tagne Jerosalema ty Davida vaho ty Israely iaby (zay le, Jebosa).
Naho reo Jebosita, vahoake tao amity tane, ro teo. [5]Hoe reo vahoake tao Jebosa tamy Davida hoe:" Tsy hoavy eto
riha." Fa Davida nangalake ty fiaro mafe Ziona, zay, ty tana Davida. [6]Hoe Davida hoe:" Na ia ia manafike reo
Jebosita voalohane le ho lasa mpifehe." Ka Joaba anadahy Zeroia ro nanafike voalohane, naho le natao ho
mpifehe re.[7]Naho nanomboke nitoboke tao amity fiarova mafe Davida. Ka le kinay iereo hoe tana Davida zay.
[8]Nagnamafe ty tana magnodidy re nanomboke tagne Milo zisikagne amity rindry magnodidy. Nimafe Joaba ty
sisa ambine tamity tana. [9]Lasa bey vatane ty Davida satria niomba aze ty Yaveh tompo ty maro.[10]Toa iaby reo
mpitarike nanagna Davida, ze nanoro ty vata iereo ho natanjake niarake tamine teo amity fanjakane, niarake
tamireo Israely iaby, mba hanao aze ho mpanjaka, nagnenke ty safa Yaveh mikasike Israely. [11]Toy ro lisite reo
miaramila sanga i Davida: Jasobeama, ty anadahy Hakmony, ro mpifehe ty telo-polo. Namono telon-jato lahy
tamity lefone tagnaten'aly raike re.[12]Ty nagnarake aze le i Eleazara anadahy Dodo, ty Ahohita, ty raike tamireo
telo lahy mahere. [13]Niarake tamy Davida re tao Efesa-damina, naho tagne reo Filistina ro niharo ho amity aly, ze
nisy ty baibom-bare hordea vaho reo tafike nilay bakagne Filistina. [14]Nitsanga teo agnivo ty baibo iereo. Niaro zay
iereo naho nandrava reo Filistina naho Yaveh nagnavotre iereo tamity fahareseam-bey.[15]Bakeo telo tamireo telo-
polo mpitarike ro nizotro ho agne amity vatolampy tagne amy Davida, tao amity zohy Adolama. Ty tafike reo
Filistina le nitobe tao amity Baibo Refaita. [16]Tamize lera zay Davida le tao amity fiarova mafene, zohy raike, laha
nitobe tao Betlehema reo Filistina. [17]Nagniry rano Davida ka nanao ty hoe:" Laha mba misy ndaty magnomea
rano ahy ho nome bakao amity lava-drano ao Betlehema, ty lava-drano ze agnila ty vavahady!"[18]Ka le
namakivaky teo amity tafike reo Filistina reo lahilahy mahere telo naho nanovy rano bakao amity lava-drano
Betlehema, ty lava-drano teo amity vavahady. Naho nangalake ty rano iereo ka ninday zay ho agne amy Davida,
feie milietse ty hino zay re. Fa kea, nailine ho ahy Yaveh zay. [19]Naho hoe re ty hoe:" Sagnatria amiko ty hino zay, ry
Yaveh. Tokona hino ty lio reo lahilahy ze nanao ty fiaine tsy hisy antone reo vao raho?" Stria nanao nanao ty
fiaine tsy hisy antone iereo, nilietse ty hino zay re. Zay ro zaka natao reo lahilahy mahere telo.[20]Abisay rahalahy
Joaba, ro kapitene teo amie telo. Naho nampiasa ty lefone ndraike avao re teo amity ndaty telon-jato naho
namono iereo. Nalaza niarake tamireo Telo re. [21]Tamireo Telo, le re ro namean-kasy agnabo roe naho lasa
kapitene iereo. Na le tsy agnate reo aza re.[22]Benaia anadahy Joiada le lahilahy natanjaka ze nanao asa bey. Re ro
namono reo reo lahy ana i Ariela bakagne Moaba. [23]Nizotro tao amity lavake avao kea re naho namono liona laha
nipoke ty havandra. Namono Egyptiana raike aza re. Ty Egyptiana nana lefo manahake ty ambe ty mpagneno,
nefa tehe avao ro nientene nizotro teo amine. Nitsepake ty lefo tegne antagna ty Egyptiana re naho namono aze
tamity lefone avao.[24]Benaia anadahy Joiada ro nanao reo asa bey reo, naho nalaza hoe reo telo lahy mahere re.
[25]Tamity mare le re ro bey hasy mihoatre noho reo miaramila telo-polo. Nefa tsy manan-kasy fire re mihoatre reo
miaramila telo lahy tena sanga. Nefa natobo Davida hita ty fiambena aze avao re.[26]Reo lahilahy mahere le
Asahela rahalahy Joaba, Elanana ana Dodo bakagne Betlehema, [27]Samota ty Harorita, Haleza ty Pelonita, [28]Ira
anadahy Ikesy ty Tekoita, Abiezera ty Anatotita, [29]Sibekay ty Hosatita, Ely ty Ahohita,[30]Maharay ty Netofatita,
Heleda anadahy Bana Netofatita, [31]Itahy anadahy Ribay bakao Gibea ty foko i Benjamina, Benaia ty Piratnita,
[32]Horay agne amity baibon-driake Gasy, Abiela ty Arbatita, [33]Azmaveta ty Baharomita, Eliaba ty Salbonita,[34]reo
anadahy Hazema ty Gizonita, Jonatana anadahy Sage Hararita, [35]Ahiama andahy Sakara ty Hararita, Elifala
anadahy Ora, [36]Hefera ty Mekeratita, Ahia ty Pelonita, [37]Hezro ty Karmelita, Naray anadahy Ezbay,[38]Joela rahalahy
Natana, Mibara anadahy Hagry, [39]Zaleta ty Amonita, Naharay ty Berotita (ty mpinday ty fiaro Joaba anadahy
Zeroia), [40]Ira ty Jitrita, Gareba ty Jitrita, [41]Oria ty Hetita, Zabada anadahy Ahelay,[42]Adina anadahy Siza ty Robenita
(bey ty Robenita) naho telo-polo lahy niarake tamine, [43]Hanana anadahy Maka, vaho Josafata ty Mitnita, [44]Ozia ty
Astartita, Sama vaho Jeiela anadahy Hotama ty Aroerita,[45]Jediaela anadahy Simry, Joha(ty Tizita rahalahine),
[46]Eliala ty Mahavita, Jeribay vaho Josavia anadahy Elnama, Jitma ty Moabita, [47]Eliala, Obeda, naho Jasiela ty
Mezobaita.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 12

[1]Toa iaby reo lahilahy ze niavy tagne amy Davida tao Ziklaga, laha mboe voaroake tamity fiatreha Saoly anadahy
Kisy re. Agnate reo miaramila iereo, mpagnomba aze agnaly. [2]Nirongo folese iereo naho afake nampiasa ty
tagnane ankavana vaho ankavia tamity pilatse vaho tamity fitifira amity tsipika. Benjamita iereo, mpiarake foko
tamy Saoly.[3]Ahiezera ro bey, bakeo Joasy, sambe anadahy Sema ty Gibeanita iereo. Nahitana i Jeziela vaho Peleta,
anadahy Azmaveta. Nahitana avao kea Beraka, Jeho ty Anatotita, [4]Jismaia ty Gibeoniita, agnate reo miaramila
telo-polo (naho mpifehe reo telo-polo); Jeremia, Jahaziela, Johanana, Jozababa ty Gaderatita,[5]Elozay, Jerimota,
Bealia, Semaria, Sefatia ty Harofita, [6]reo Koraita Elkana, Jisia, Azarela, Joezera, Jasobeama, naho [7]Joela vaho
Zebadia, anadahy Jehorama bakagne Gedora.[8]Nisy Gadita ilane namonje i Davida tao amity fiaro mafe tagne
agnefetre. Lahilahy mpialy iereo, lahilahy voa anatre ho amity aly, ze afake mita ampinga vaho lefo; ty tarehe
iereo le masiake manahake ty tarehe ty liona. Malaky lia manahake ty gazela egne ambohitse iereo.[9]Nisy i Ezera
ty mpitarike, Obadia ro faharoe, Eliaba ro fahatelo, [10]Mismana ro fahaefatre, Jeremia ro fahadime, [11]Atahy ro
fahaene, Eliala ro fahafito, [12]Johanana ro fahavalo, Elizabada ro fahasive, [13]Jeremia ro fahafolo, Makbanay ro faha
raike amby folo.[14]Reo anadahy Gada reo ro mpitarike tafike. Ty ambane vatane nitarike an-jatone, naho ambone
vatane nitarike agnarivone. [15]Nitsake i Jordana iereo tamity vola voalohane, laha fa nandifotre ty moro zay, ka
nandroake ty zaka-managnay iaby tamireo baibo, na ty mbaeo antignana na ty mbaeo ahandrefa.[16]Ty vakine
tamireo lahilahy i Benjamina vaho Joda le niavy tao amity fiaro tao amy Davida. [17]Niakatre mba hanalaka iereo
Davida naho nirehake tamiereo hoe:" Laha avy ampilamina amiko atoy mba hagnampe ahy nareo, le afake
mamonje ahy. Fa laha avy mba hivalike ahy amity fahavalo, le ao anie ty Zagnahare ty razambeintika hanente ka
hamale anareo, satria tsy nanao raty raho."[18]Bakeo ty Fagnahy niavy tao amy Amasay, ty mpitarike ty telo-polo.
Hoe Amasay hoe:" Zahay le riha, ry Davida. Zahay le mifanao aminao, ry anadahy Jese. Fiadagna, fiadagna anie
ho amize magnampe anao. Fiadagna anie ho amireo mpiasanao, satria ty Zagnaharenao le magnampe anao." Le
nandrae iereo Davida naho nanao iereo ho mpifehe ty lahilahine.[19]Ty ilane bakamy Manase avao kea le niala
hamonje Davida laha niarake tamireo Filistina mba hialy amy Saoly re. Nefa tsy nagnampe reo Filistina iereo,
satria nifandineke reo tompo i Filistina ka nampindeha Davida. Hoe iereo ty hoe:" Hiala ho agne amy Saoly
tompone re ka hampidi-doza ty fiaignantika." [20]Laha fa nimbaeo Ziklaga re, ty lahilahy Manase ze namonje aze le
Adna, Jozabada, Jediaela, Mikaela, Jozabada, Eliho, Ziletahy, Kapitene ty agnarivo i Manase.[21]Nagnampe Davida
nialy tamireo antoko mpijirika iereo, satria lahilahy mpialy iereo. Tafara atoy le lasa mpifehe teo amity tafike
iereo. [22]Isan'andro, le niavy tagne amy Davida reo lahilahy mba hagnampe aze, mandram-pisia ty tafike bey,
manahake ty tafin'Agnahare.[23]Toy ro tahirin-tantara reo miaramila nitam-pialia ho amity aly, ze niavy tagne amy
Davida tao Hebrona, mba hagnody ty fanjaka i Saoly ho aze, ze nanao ty safa Yaveh. [24]Tamy Joda le 6. 800 reo
mpita ampinga vaho lefo ro voa anatre hialy. [25]Nisy lahilahy mpialy 7.100 bakamireo Simeonita.[26]Nisy lahilahy
mpialy 4.600 bakamireo Levita. [27]Joiada ro mpitarike ty foko i Arona, naho 3.700 ro niarake tamine. [28]Mpitarike
roe amby roa-polo bakamity fokon-draene ro niarake tamy Zadoka, ajalahy, mahere, vaho lahilahy bey herem-po.
[29]Bakamy Benjamina, foko Saoly, le nisy telo arivo. Ty hamaroa iereo le mboe nijano ho mpiomba Saoly
zisikamizao andro zao. [30]Nisy lahilahy mpialy 20.800 bakamireo Efraimita, lahilahy nalaza teo amity foko ty
razambey iereo. [31]Bakamity vaky mpoko Manase le nisy lahilahy malaza valo arivo vaho ray ale ze niavy mba
hanao Davida ho mpanjaka.[32]Bakamy Isakara, le nisy lahilahy mpitarike roanjato ze nana fahihira tamize andro
zay naho nahay ty tsy maintsy atao Israely. Reo longone iaby le teo ambane fehea iereo. [33]Nisy lahilahy mpialy
dome ale bakamy Zebolona, vinogno ho amity aly, niarake tamity zaka-fialia iaby, naho vogno ty hagnomea tsy
fivaliha azo antoke.[34]Nisy manamboninahetre arivo bakamy Naftaly, naho lahilahy mpita ampinga vaho lefo fito
arivo vaho telo ale niarake tamiereo. [35]Bakamireo Danita le nisy lahilahy 28.600 vinogno ho amity aly.[36]Nisy
lahilahy efatre ale vinogno ho amity aly bakamy Asera. [37]Bakamity andafe Jordana, bakamireo Robenita, Gadita,
naho ty vaky ty foko Manase, le nisy lahilahy 120.000 ty nirongo reo karazan-jaka fialia iaby ho amity aly.[38]Reo
miaramila iaby, vogno ho amy aly reo, le niavy tagne Hebrona niarake tamity hevetre amity hanao Davda ho
mpanjaka magnera Israely iaby. Ty sisa iaby tamy Israely le nifagnenke ty hanao Davida ho mpanjaka avao kea.
[39]Niarake tamy Davida tao telo andro iereo, nihina vaho nino, satria ty longo iereo le fa nampinday vatse ho aze.
[40]Fagnampezay, reo ze teo agnila iereo, zisikagne Isakara vaho Zebolona naho Naftaly, le ninday mofo tamity
borike, rameva, ampondra, vaho agnombe, naho mofo aviavy, voaloboke maike, divay, menake, agnombe, naho
agnondry, satria nifale ty Israely.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 13

1 Davida le nirehake tamireo mpifehe ty arivo vaho zato, niarake tamity mpitarike iaby. 2 Hoe Davida tamity
vondron-tafike iaby hoe:" Laha soa aminareo, naho laha bakamy Yaveh Zagnaharentika zay, le ao tika handefa
mpinday talily egne iaby io agne amireo rahalahintika ze mitoboke agne amireo faritre Israely iaby, naho agne
amireo mpisoro vaho reo Levita ze ao amireo tana iereo. Ao iereo ho rehafe mba hiarake amintika. 3 Andao tika
hagnere amintika ty tomabile ty Zagnaharentika, satria tsy nipay satrampone tika tamireo andro ty fanjaka
Saoly." 4 Ty vondron-tafike iaby le nagnenke hanao reo zaka reo, satria toe mare teo amaso ty ndaty iaby reo. 5 Ka
navory Davida hiarake ty Israely iaby, zisikagne amy Rano Sihora agne Egypta ka hatragne Lebo Hamata, mba
hinday ty tomabilen'Agnahare bakagne Kitiata Jearima. 6 Niakatre nimbaeo Bala ty Davida vaho ty Israely iaby,
zane hoe, Kiriata Jearima, ty ahy Joda, mba hinday ty tomabilen'Agnahare bakagne, ze kinaike tamity agnara
Yaveh, le Yaveh, ty mitoboke eo amity sezan-droandria eo amity Kerobima. 7 Laha zao le natobo iereo teo ambone
sarete vaovao ty tomabilen'Agnahare. Nakare iereo bakao amity tragno i Abinada zay. Oza vaho Ahio ro ninday ty
sarete. 8 Davida vaho ty Israely iaby le nandaza teo agnoloan'Agnahare tamity here iereo iaby. Niantsa niarake
tamity lokanga, ampongatampake, Kipantso, naho trompetra iereo. 9 Laha fa niavy teo amity tane famoloa Kidona
iereo, le namototre ty tagnane hita ty tomabile ty Oza, satria nitonta ty agnombe. 10 Le nirehetre tamy Oza ty helo
Yaveh, naho vinono Yaveh re satria namototre ty tagnane tamity tomabile ty Oza. Mate teo agnoloan'Agnahare
teo re. 11 Meloke Davida satria nagnisy Oza ty Yaveh. Natao ty hoe Pereza Oza ze toera zay zisikandroany.
12 Natahotre an'Agnahare ty Davida tamize andro zay. Hoe re ty hoe:" Akore ro fomba hindaisako ty
tomabilen'Agnahare amiko atoy?" 13 Ka tsy nagnetseke ty tomabile ho agne amity tana Davida ty Davida, fa nanao
zay teo agnila ty tragno i Obeda Edoma ty Getita. 14 Le nijano tao amity tragno Obeda Edoma zisike ty telo vola ty
tomabilen'Agnahare. Laha zao le nitahy ty fokone vaho iaby ze nanagnane ty Yaveh.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 14

[1]Naho Hirama mpanjaka i Tyro nandefa mpinday talily tagne amy Davida, vaho hetae sedera, mpandrafitre, naho
mpanao tragno. Nagnore tragno ho aze iereo. [2]Davida le nahay fa Yaveh ro le fa nametrake aze ho mpanjaka teo
amy Israely, naho ty fanjakane le natao ambone noho ty amy Israely ndatine.[3]Tao Jerosalema, le nangalake valy
maro Davida, naho niterake anadahy vaho anakampela maro re. [4]Toa iaby ty agnara reo anane iaby naterane
tagne Jerosalema: Samoa, Sobaba, Natana, Solomona, [5]Jibara, Elisoa, Elipeleta, [6]Noga, Nafega, Jafia, [7]Elisama,
Beliada naho Elifeleta.[8]Naho laha fa rey reo Filistina fa le fa hinosotre ho mpanjaka Israely iaby Davida, le
niakatre nipay aze iereo iaby. Nefa rey Davida zay ka niakatre handietre iereo re. [9]Naho lasa reo Filistina ka
nanao fanafiha tegne amity Baibo ty Refaita.[10]Bakeo Davida nangatake fagnampea tamin'Agnahare. Hoe re ty
hoe:" Tokone hiakatre hanafike reo Filistina vao raho? Hagnomea faharesea eo amiereo vaho riha?" Le hoe Yaveh
tamine hoe:"Tafiho, fa vatane hagnomea iereo ho anao raho." [11]Le niakatre nimbaeo Bala-perazima iereo, naho
tao nahareseane iereo. Nanoro hevetre re hoe:" Ty tagnako ro namakia Yaveh ty fahavaloko hizara hoe ty rano-
bey." Ka lasa Bala-perazima ro agnara ze toera zay. [12]Naleve iereo Filistina teo reo zagnaharene, naho nagnomea
lily Davida fa tokone horoa reo.[13]Naho nanafike ty baibo ndraike ty Filistina. [14]Le nangatake fagnampea tagne
amin'Agnahare ndraike Davida. Hoe ty Zagnahare tamine hoe:" Tsy tokone hanafike iereo eo agnoloa riha, fa kea
hihodidy ao afara iereo naho ho avy eo amiereo bakeo amireo hetae balsama.[15]Laha fa reinao ty feo ty lia-bey
amity fitio ty tioke bakeo amireo vohitse ty hetae balsama, le manafiha amin-kere. Manova zay satria Zagnahare
le fa hiaolo lala anao hanafike ty tafike reo Filistina." [16]Ka natao Davida ze nandilian'Agnahare aze. Naharese ty
tafike reo Filistina tagne Gibeona zisikagne Gazera re. [17]Naho ty laza Davida le niele teo amity tane iaby, naho
nahavy ty firene iaby hatahotre aze Yaveh.

Chapter 15

[1]Naho Davida nagnamboatre tragno ho aze tao antana Davida. Nagnoma toera ho ahy ty tomabilen'Agnahare
naho nagnore lay ho ahy zay re. [2]Le hoe Davida hoe:" Reo Levita avao ro afake minday ty tomabilen'Agnahare, fa
iereo ro voafily Yaveh mba hinday ty tomabile Yaveh, vaho hanompo aze zisikagne." [3]Le navory Davida tao
Jerosalema ty Israely iaby, mba hagnakatre ty tomabile Yaveh agne amity toera le fa vinognone ho ahy zay.
[4]Navory Davida niarake reo foko Arona vaho reo Levita. [5]Tamireo foko i Kehata, le nisy i Oriela mpitarike vaho
reo longone, lahilahy 120. [6]Tamireo foko Merary, le nisy i Asaia mpitarike vaho reo longone, lahilahy 220.
[7]Tamireo foko i Gersona, le nisy i Joela mpitarike vaho reo longone, lahilahy 130. [8]Tamireo foko i Elizafana, le nisy
Semaia mpitarike vaho reo longone, lahilahy 200. [9]Tamireo foko i Hebrona, le nisy i Eliala mpitarike vaho reo
longone, lahilahy valompolo. [10]Tamireo foko i Oziela, le nisy i Aminadaba mpitarike vaho reo longone, lahilahy
112.[11]Nikaike i Zadoka vaho Abiatara mpisoro, naho reo Levita Oriela, Asaia, Joela, Semaia, Eliala, naho
Aminadaba ty Davida. [12]Hoe re tamiereo hoe:" Inareo ro loha reo foko ty Levita. Hamasigno ty vatagnareo, le
nareo vaho reo rahalahinareo, mba hahafahanareo magnakatre ty tomabile Yaveh, ty Zagnahare Israely, ho agne
amity toera ze le fa vinognoko amizay.[13]Tsy ninday zay nareo tamity voalohane. Zay ro antone nagnaliloa Yaveh
Zagnahare antika, satria tsy nipay aze na nagnenke ty lalane tika." [14]Laha zao le nagnamasim-bata reo mpisoro
vaho reo Levita mba hahafaha iereo magnakatre ty tomabile Yaveh, ty Zagnahare Israely. [15]Le niente reo Levita
teo antsoro iereo tamity bao ty tomabilen'Agnahare, arake ze la fa nandilia Mosesy__magnorike reo fotsipeke
namea bakamity safa Yaveh.[16]Nirehake tamireo mpitarike ty Levita ty Davida mba hanendre ty rahalahy iereo ho
mpiantsa amireo zaka-magneno, valiha, lokanga vaho kipantso, hagnakatre mafe vaho ankafalea ty feo iereo. [17]Le
tinendre reo Levita ty Hemana anadahy Joela vaho ty raike tamireo rahalahine, le i Asafa anadahy Berekia.
Nanendre longo bakamireo foko Merary vaho Etana anadahy Kosaia avao kea iereo. [18]Niarake tamiereo kea ty
longo vatane magnorike iereo: Zakaria, Jaziela, Semiramota, Jehiela, Ony, Eliaba, Benaia, Mahaseia, Matitia,
Elifeleho, Mikneia, Obede-edoma, naho Jeiela, reo mpiambe vavahady.[19]Hemana, Asafa, naho Etana mpiantsa le
tinendre mba hititike mafe ty kipantso varahy. [20]Zakaria, Aziela, Semiramota, Jehiela, Ony, Eliaba, Mahaseia, naho
Benaia ro nititike reo valiha, tamity Alamota. [21]Matitia, Elifeleho, Mikneia, Obed-edoma, Jeiela, naho Azazia ro
nitari-dala tamity harpa tamity Saminita.[22]Kenania, mpitarike reo Levita, re ro tonia ty fiantsa satria magnanatre
antsa re. [23]Berekia vaho Elkana ro mpiambe ty tomabile. [24]Senaia, Josafata, Netanela, Amasay, Zakaria, Benaia,
naho Eliezera, reo mpisoro, ro nitioke reo trompetra teo aloha ty tomabilen'Agnahare. Obed-edoma vaho Jehia ro
mpiambe ty tomabile.[25]Naho Davida, reo olobey Israely, vaho reo mpifehe ty agnarivone le nindeha nagnakatre ty
tomabile ty fagnenkea Yaveh bakao antragno Obed-edoma tamin-kafalea. [26]Naho Zagnahare laha nanorake reo
Levita ze ninday ty tomabile ty fagnenkea Yaveh, le nanao soro agnombe fito vaho agnondrilahy fito iereo.
[27]Nanao akanjo vita tamity rongnom-poty ty Davida, manahake reo Levita ze ninday ty tomabile, reo mpiantsa,
naho Kenaia, ty mpitarike ty antsa amireo mpiantsa. Niakanjo efoda rongom-poty ty Davida. Ka le nagnakatre ty
tomabile ty fagnenkea Yaveh tamity koran-kafalea, vaho tamity feon-antriva, tamity kipantso, naho tamity valiha
vaho harpa ty Israely iaby.[29]Nefa laha niavy tao antana ty Davida ty tomabile ty fagnenkea Yaveh, le nijilo teo an-
dafonete ty Mikala anakampela Saoly. Nahisake Davida mpanjaka nandihy vaho nandaza re. Bakeo nanao
tsinontsino aze tao agnarofone re.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 16

[1]Le niente iereo nilitre ty tomabilen'Agnahare naho natobo iereo teo agnivo ty lay ze nanoe Davida ho ahy zay.
Bakeo nanolotre fagnatetre oroa vaho fagnate-piharoa teo agnoloan'Agnahare iereo. [2]Laha fa vita Davida ty soro
ty fagnatetre oroa vaho ty fagnate-piharoa, le nitahy ty vahoake tamity agnara Yaveh re. [3]Nizara mofo, vaikin-
kena, naho mofo mamy misy voaloboke tamireo Israelita iaby, na lahy na vave re.[4]Nanendre Levita ilane mba
hanompo eo agnoloa ty tomabile Yaveh ty Davida, naho mba handaza, hisaotre vaho hiantsa Yaveh, ty Zagnahare
Israely. [5]Reo Levita reo le Asafa ty mpitarike, naho faharoe magnorike aze ty Zakaria, Jeiela, Semiramota, Jehiela,
Matita, Eliaba, Benaia, Obed-Edoma, naho Jeiela. Reo ro nitendre lokanga vaho harpa. Asafa ro nampagneno ty
kipantso, ty magneno mafe. [6]Benaia vaho Jahaziela mpisoro ro mpitioke tsy tampake ty trompetra, teo agnoloa ty
tomabile ty fagnenkean'Agnahare.&Naho tamize andro zay Davida ro nanendre voalohane i Asafa vaho reo
rahalahine mba hiantsa i antsa ao fandala Yaveh eo. [8]Toloro fisaora Yaveh, kaiho ty agnarane; ampahaio eo
amireo firene ty asane. [9]Miantsa aze, miantsa antsa Aze; atalilio reo asane mahagaga iaby.[10]Mirehareha amity
agnarane masy; ao hifale ty arofo reo ze mipay Yaveh. [11]Paio Yaveh vaho ty herene; paio zisikagne ty fiatrehane.
[12]Tiarovo reo zaka-mahagaga nataone, reo fahagaga vaho reo lala bakamity vavane, [13]ry foko Israely
mpanompone, nareo vahoake i Jakoba, ze finiline. [14]Re ro Yaveh, Zagnaharentika. Amity tane iaby reo lalane.
[15]Anovo ao antsay zisikagne ty fagnekeane, le ty rehake ze nandiliane reo foko arivo hifandimbe. [16]Mahatiaro ty
fagnenkea ze nataone tamy Abrahama, vaho ty vavane tamy Isaka Re. [17]Zay ro nihamafesene tamy Jakoba hoe ty
fotsipeke, naho tamy Israely hoe ty fagnenkea zisikezay. [18]Hoe re ty hoe:" Hagnomea anareo ty tane Kanana ho
anjara lovanareo Raho."[19]Niente zay raho laha mboe tsy ampe isake nareo, vatane tsy ampe, naho vahiny tao
amity tane. [20]Nindeha tamity firene ho amity firene iereo, bakamity fanjaka raike mbaeo amity hafa. [21]Tsy nisy na
ia ia nengane hampijale iereo; reo mpanjaka le niseze noho ty amiereo. [22]Hoe Re hoe:" Ko mikasike reo ze
voahosotre, naho ko magnisy raty reo mpaminaneko."[23]Miantsa ho Yaveh, ry tane iaby; atalilio isan'andro
sanandro ty famonjeane. [24]Atalilio eo amireo firene ty hasine, naho reo amireo firene iaby reo asane mahalatsa.
[25]Fa foloay Yaveh ka tokone ho antsae vatane, naho tokone hatahora ambone reo zagnaharen-kafe iaby Re.
[26]Satria sampe reo zagnahare ty firene iaby, fa Yaveh ro nanao ty lagnitre. [27]Eo amity fiatrehane ty famirapirata
vaho ty vonenahitre. Naho eo amity toerane ty here vaho ty hafalea.[28]Magnomea Yaveh, ry foko ty vahoake,
magnomea hasy vaho here Yaveh; [29]ameo Yaveh ty hasy soa ty agnarane. Mindaisa fagnatetre naho mindeha eo
agnoloane. Mihohofa amy Yaveh amity famirapiratane masy.[30]Mihovita ao agnoloane, ry tane iaby. Zao tontolo
zao avao kea le fa naore; tsy afake hozogne zay. [31]Ao ho fale ty lagnitre, naho ao hifale ty tane; ao iereo hirehake
eo amireo firene hoe:" Manjaka Yaveh."[32]Ao hintsero ty riake, naho ze mameno zay le hikorake ampifalea. Ao ho
fale reo baibo, vaho iaby ze ao amireo. [33]Naho reo hetae ao angala hikorake ampifalea eo agnoloa Yaveh, fa ho
avy hitsara ty tane Re.[34]Misaora Yaveh, fa soa Re, satria maharetre zisikezay ty fagnenkeane matoky. [35]Bakeo
mirehafa hoe:" Vonjeo zahy, ry Zagnahare ty famonjeanay. Avorio miarake zahay naho vonjeo amireo firene hafa,
mba ho afake hanolotre fisaora ho ahy ty agnaranao masy vaho vonenahetre amity fiantsa anao zahay."[36]Ho
antsae zisikagne zisikagne anie Yaveh, ty Zagnahare Israely. Hoe ty ndaty iaby hoe:" Amena" naho niantsa Yaveh.
[37]Laha zao Davida le namototre i Asafa vaho reo rahalahine teo agnoloa ty tomabile ty fagnenkea Yaveh, mba
hanompo zisikagne eo agnoloa ty tomabile, arake ze paie ty asa isan'andro sanandro. [38]Agnate zay i Obed-edoma
miarake amireo longone valo amby enem-polo. Obed-Edoma anadahy Jedotoma, miarake amy Hosa, ro mpiambe
vavahady. [39]Zadoka ty mpisoro vaho reo mpisoro namane le teo amity toera agnabo tao Gibeona mba hanompo
eo agnoloa ty tabernakele Yaveh.[40]Hanolotre fagnatetre oroa zisikagne amity maray vaho hariva ho ahy Yaveh eo
ambone ty alitara ho ahy ty fagnoroa fagnatetre iereo, arake iaby ze voasoratre ao amity lily Yaveh, ze nameane
ho lily ho ahy Israely. [41]Hemana vaho Jedotona le nagnirake tamiereo, niarake tamireo sisane ze finily tamity
agnara, mba hanolotre fisaora Yaveh, satria maharetre Yaveh, satria maharetre zisikezay ty fagnenkeane matoky.
[42]Hemana vaho Jedotona ro mpita ty tragno reo ze mitioke trompetra, kipantso, naho zaka-magneno hafa ho ahy
ty antsa masy. Reo anadahy Jedotona ro niambe ty vavahady. [43]Bakeo ty ndaty iaby nihere tagne antragno iereo
iaby, naho Davida nihere mba hitahy ty fokone.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 17

1Naho laha fa tafatoboke tao amity tragnone ty mpanjaka, le hoe re tamy Natana mpaminane hoe:" Ingo,
mitoboke agnate tragno sedera raho, nefa ty tomabile ty fagnenkea Yaveh le mijano ao ambane lay." 2Le hoe
Natana tamy Davida hoe:" Mindehana, anovo ze ao amponao, fa miomba anao ty Zagnahare."3Nefa ty hale igne
avao le avy tamy Natana ty safan'Agnahare, nanao hoe: 4" Mindehana naho ambarao Davida mpanompoko hoe:'
Zao ro safa Yaveh: Tsy hagnore tragno ho ahy mba hitobohako riha. 5Fa tsy mboe nitoboke tao agnate tragno Raho
nanomboke tamity andro ze nindaisako Israely niakatre ka zisikamizao andro zao. Fa kea, nitoboke tao agnate
lay Raho, le tabernakele, tamity toera sambehafa. 6Tamity toera iaby ze le fa nifindrako teo amy Israely iaby, feie
vao Raho le fa nirehake na ino ino tamireo mpitarike Israely ze tinendreko ho mpiambe ty vahoako, nanao hoe:"
Nagnino nareo ro tsy nagnore tragno sedera ho ahy?"""'7"Amizao are, ambarao Davida mpanompoko hoe:' Zao ro
safa Yaveh tompo ty maro: Zaho ro nangalake anao bakamity tane fihinanam-bilo, bakamity fiaraha agnondry,
mba ho mpandily eo amy Israely ndatiko riha. 8Niomba anao Raho na taia aia niombanao naho nandrava reo
fahavalonao tsy ho eo agnoloanao, naho hameako agnara, manahake ty agnara reo ze bey eto ambone ty tane
riha.9Hanendre toera raike ho ahy Israely ndatiko Raho naho hanao iereo ao, mba hitoboha iereo ao amity toera
iereo arere naho tsy hana fisalasala sase. Reo ndaty raty fagnahy le tsy hampijale iereo, manahake ty natao iereo
taloha sase, 10manahake ty natao iereo nanomboke tamity andro ze nandiliako reo mpitsara mba ho eo amy
Israely ndatiko. Bakeo handavo lefo reo fahavalonao iaby Raho. Fagnampe zay le ataliliko aminao fa izaho,
Yaveh, le hagnore tragno raike ho anao.11Ho avy zay laha fa lefe ty andronao ze hindehananao agne amireo
razambeinao, le hananga reo foko afara nao Raho, naho ho ahy ty raike amireo fokonao, le Zaho ro hanao ty
fanjakane. 12Hagnore tragno ho Ahy re, naho Zaho hanao ty sezan-droandriane zisikezay.13Ho raene Raho, naho re
ho anako. Tsy hafahako amine ty fatokia ty fagnenkeako, manahake ty nagnafahako zay tamy Saoly, ze nandily
talohanao. 14Hatoboko ho eo amity tragnoko vaho ho eo amity fanjakako zisikezay re, naho ty sezan-droandria le
hitoboke zisikagne."'15Le nirehake tamy Davida ty Natana naho nitalily reo rehake iaby reo tagne amine, ka
nirehake tamine momba ty fahisaha raike iaby re.16Le nilitre Davida mpanjaka naho nitoboke teo agnoloa Yaveh;
hoe re ty hoe:" Ia vao Raho, ry Yaveh Zagnahare, naho ino ty fokoko, ro le nientenao ho amize fagniria zao raho?
17Fa zaka kele teo amasonao zay, ry Zagnahare. Nirehake ty amity foko ty mpanomponao ze mboe hoavy Riha,
naho nanoro ahy reo foko hoavy, ry Yaveh Zagnahare. 18Ino kea ro azoko, zaho Davida, rehafe aminao?
Nameanao hasy ty mpanomponao. Nameanao saotre arere ty mpanomponao.19Ry Yaveh, noho ty amity
mpanomponao, vaho mba hahalefe ty fagniria arere, ro nagnanovanao ze zaka-bey zao mba hanoroa reo asanao
foloay iaby. 20Ry Yaveh, tsy misy manahake anao, naho tsy misy Zagnahare laha tsy Riha, arake ze le fa reinay
zisikagne. 21Fa ia ro firene eto ambone tane manahake ty Israely ndatinao, ty navotanao, Zagnahare, bakagne
Egypta mba ho vahoako ho Anao, mba hanao agnara ho anao amireo asa foloay vaho mahalatsa? Reo firene le
rinoanao tsy ho eo agnoloa ty vahoakenao, ze navotanao tamy Egypta.22Nataonao ho vahoakenao arere zisikezay
ty Israely, naho Riha, ry Yaveh, le lasa Zagnahare iereo. 23Ka amizao, ry Yaveh, hitoboke zisikezay anie ty
fampagnantegna ze nataonao mikasike ty mpanomponao vaho ty fokone. Anovo arake ze le fa nirehafenao.
24Hitoboke zisikezay anie ty agnaranao naho ho foloay, ka hirehake ty ndaty hoe:" Yaveh tompo ty maro ro
Zagnahare Israely,' laha atoboke eo agnoloanao, ty tragnoko, Davida mpanomponao.25Fa Riha, ry Zagnahareko, le
fa nanoro tamity mpanomponao fa hagnore tragno ho aze Riha. Zay ro antone, nahisahako, zaho mpanomponao,
harisiha hivavake aminao. 26Ka amizao, ry Yaveh, Riha ro Zagnahare, naho le fa nanao ze fampagnantegna soa
zay tamity mpanomponao: 27Naho zotoko ty hitahy ty tragno ty mpanomponao, mba hitohiza zay zisikagne eo
agnoloanao. Riha, ry Yaveh, ro nitahy zay, Ka ho voatahy zisikagne zay."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 18

[1]Tafara zay Davida le nanafike ty Filistina naho naharese iereo. Nalane teo amity fifehea ty Filistina ty Gata vaho
ty tanane. [2]Naho naharese i Moaba re bakeo, naho le lasa mpanompo Davida ty Moabita naho nandoa haba
tamine.[3]Le rese Davida ty Hadarezera, mpanjaka i Zoba tao Hamata, laha mboe nindeha mba hanao ty lalane teo
amoro ty rano i Eofrata ty Hadarezera. [4]Nitsepake kalese arivo, vaho mpitiki-tsoavale fito arivo, naho mpindeha
antomboke roe ale ty Davida. Finily Davida reo soavale ty Kalese iaby, fa nanonka ze mahampe kalese zato re.
[5]Tamy niavy mba hagnampe Hadarezera mpanjaka Zoba reo Syriana bakagne Damaskosy, le namono lahilahy
Syriana roa arivo vaho roe ale ty Davida. [6]Bakeo nametrake miaramila tagne Syria agne Damaskosy ty Davida, ka
lasa mpanompo Davida ty Syriana naho nandoa haba tamine. Namea Yaveh faharesea ty Davida na taia aia
niombane.[7]Nalae Davida reo ampinga volamena iaby tegne amity mpanompo Hadarezera naho nientene tagne
Jerosalema. [8]Tagne Tibata vaho Kona, tana i Hadarezera, le nangalake varahy maro ty Davida. Ze varahy zay ro
nagnanova Solomona ty riake varahy, ty ambe, vaho ty zaka varahy tafara atoy.[9]Tamy rey Toy, mpanjaka Hamata,
fa rese Davida ty tafike Hadarezera mpanjaka Zoba iaby, [10]le nalefa i Toy tagne amy Davida ty Hadorama
anadahine mba hanalama vaho hisaotre aze, satria Davida nialy tamy Hadarezera vaho naharese aze, naho
satria nagnore aly tamy Toy ty Hadarezera. Naho Hadorama le ninday zaka vita tamity volafoty, volamena, naho
varahy niarake tamine. [11]Natoka Davida mpanjaka ho ahy Yaveh reo zaka reo, niarake tamity volafoty vaho
volamena ze nientene bakamity fierene iaby: Edoma, Moaba, ty vahoake Amona, reo Filistina, naho ty Amalekita.
[12]Namono Edomita valo arivo vaho ray ale ty Abisay anadahy Zeroia tao amity Baibon-driake. [13]Nametrahane
miaramila tao Edoma, naho le lasa mpanompo Davida reo Edomita iaby. Namea Yaveh faharesea ty Davida na
taia aia niombane.[14]Nanjaka teo amy Israely iaby Davida, naho nanao ty rarene vaho ty hamarea tamity
vahoakene iaby re. [15]Joaba anadahy Zeroia ro mpifehe ty tafike, naho Josafata anadahy Ahiloda ro mpitan-
tsoratre. [16]Zadoka anadahy Ahitoba vaho Abimeleka anadahy Abiatara ro mpisoro, naho Saosa ro mpanora-dala.
[17]Benaia anadahy Joiada ro nifehe reo Keretita vaho Peletita, naho reo anadahy Davida ro mpagnomea hevetre
mitarike ty mpanjaka.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 19

1Naho tafara atoy le mate Nahasy, mpanjaka ty vahoake Amona, naho ty anadahine ro lasa mpanjaka teo amity
toerane. 2Hoe ty Davida hoe:" Hanoro hasoam-pagnahy amy Hanona anadahy Nahasy raho, satria nanoro
hasoam-pagnahy tamiko ty raene." Ka le nandefa irake Davida mba hampiono aze mikasike andraene. Nilitre
tagne amity tane ty Amonita reo mpanompo Davida naho nimbaeo amy Hanona, mba hampiono aze. 3Feie hoe
reo roan-drian-dahy Amonita tamy Hanona hoe:" Midineke vao riha fa magnomea hasy ty raenao ty Davida
satria nagnirake reo mpanompone mba hagnamafe anao? Feie tsy niavy aminao eto reo mpanompone mba
hisafo vaho hizaha ty tane mba handrava zay?"4Ka le nitsepake reo mpanompo Davida ty Hanona, namere iereo,
nandily reo siky iereo zisikeo amity valahene, hatreo amity foto-pe iereo, naho nandroake iereo. 5Laha fa hinaza
iereo tamy Davida zay, le nagnirake hanalaka iereo re, satria afa-baraka vatane reo lahilahy. Hoe ty mpanjaka
hoe:" Mijanogna ao Jeriko mandram-pitiry ty vaonareo ndraike, naho miheregna bakeo."6Laha fa hisa reo
Amonita fa lasa nafai-kolitse tamy Davida iereo, le nandefa talenta volafoty arivo ty Hanona vaho ty Amonita
mba hagnarama kalese Syriana vaho mpitiki-tsoavale bakamy Naharaima, Maka, naho Zoba. 7Nagnarama iereo
kalese roa arivo vaho telo ale ty mpanjaka Maka vaho ty vahoakene, ze niavy nitobe teo agnoloa Medeba. Nivory
tagne amireo tanane reo Amonita, naho niakatre ho amity aly.8Laha fa naharey zay ty Davida, le nagnirake i
Joaba vaho ty tafine iaby re mba hifanoje amiereo. 9Niakatre ty vahoake Amona ka nilahatre ho amity aly teo
amity vavahady ty tana, laha tegne amity baibo reo mpanjaka ze niavy.10Laha fa hisa Joaba ty aly nagnatreke aze
vaho teo agnoloa ro tafara, le nangalake ty ilane tamireo mpialy mahay vatane teo amy Israely re naho
nandahatre iereo handietre reo Syriana. 11Laha ty amireo tafike ilane, le nameane ho eo ambane fandilia Abisay
rahalahine zay, naho nalahane ho amity aly handietre ty tafike Amona iereo.12Hoe Joaba ty hoe:" Laha ohatre ka
mahere loatre hoahy reo Syriana, le riha, ry Abisay, ro tsy maintsy mamonje ahy. Fa laha mafe vatane aminao kea
ty tafike Amona, le ho avy hamonje anao raho. 13Meherea, naho ao tika hanoro ty vatantika ho mafe ho ahy ty
vahoantika vaho ho ahy reo tana ty Zagnaharentika, fa hanao ze soa ho ahy ty fagniriane Yaveh."14Ka le nimbaeo
ho amity aly Joaba vaho reo miaramila tafine mba handietre reo Syriana, te voasere nilay teo agnoloa ty tafike
Israely. 15Laha fa hisa ty tafike Amona fa le fa nilay reo Syriana, le nilay i Abisay rahalahy Joaba avao kea iereo ka
nihere tagne antana. Bakeo nihere bakagne amity vahoake Amona ty Joaba naho noly tagne Jerosalema.16Lafa fa
hisa reo Syriana fa rese Israely iereo, le nandefa fanoran-kere bakagne andafe ty Rano Eofrata iereo, niarake
tamy Sofaka ty mpifehe ty tafike Hadarezera. 17Laha fa nirehafa zay Davida, le namory ty Israely iaby re, nitsake
Jordana, naho niavy teo amiereo. Nandahatre ty tafike ho amity aly handietre reo Syriana re, naho nialy tamine
iereo.18Nilay Israely ty Syriana, naho Davida namono mpitiki-kalese Syriana fito arivo vaho miaramila mpindeha
tomboke efatre ale. Vinonone avao kea ty Sofaka, ty mpifehe ty tafike. 19Laha fa hisa reo mpanjaka iaby ty
mpanompo Hadarezera fa rese Israely iereo, le nilongo tamy Davida iereo naho nanompo iereo. Ka le tsy
magniry ty hanorake reo Amonita sase ty vahoake Syria.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 20

[1]NAho tamity andro ty lohatao, andro andehana ty mpanjaka agne agnaly laha tokone ho re, ro nitarihe Joaba ty
tafike ho amity aly vaho nandravane ty tane reo Amonita. Lasa re naho nanao faherano i Raba. Nijano tao
Jerosalema ty Davida, Naho nanafike i Raba ka naharese zay ty Joaba.[2]Nafaha Davida hiala amity lohane ty
satron-kasy ty mpanjaka iereo, naho hisane fa talenta volamena raike ty lanja zay, naho nisy vato lafo-vily tao
amizay. Natoboke teo andoha Davida ty satron-kasy, naho nakarene reo babo maro bey tao antana. [3]Nakarene ty
ndaty ze tao antana naho sinerene hiasa miarake amity tsofa vaho fangaom-by naho famaky iereo. Davida le
nangatake reo tana ty vahoake Amona iaby mba hanao zay asa zay. Bakeo nihere tagne Jerosalema ty Davida
vaho ty tafike iaby.[4]Tafara zay le nisy aly niarake tamireo Filistina tao Gazera. Vinono i Sibekay ty Hosatita ty
Sipay, raike amireo fokone ty Refaita, naho rese reo Filistina. [5]Le nisy aly niarake tamireo Filistina ndraike tao
Goba, naho vinono Elanana anadahy Jaira ty Betlehemita ty Lamy rahalahy i Goliata ty Gatita, ty tsila-ketae ze
nana lefo le hoe ty volin-teno ty mpagneno.[6]Naho nisy aly raike hafa ndarike tao Gata ze nisy lahilahy lava bey
nana rambotagna ene isake ty tagna naho rambon-tomboke ene isake ty tomboke. Re avao kea le bakamity foko
ty Refaita. [7]Laha fa nagnaraty ty tafike Israely re, le vinono i Jehonadaba anadahy Simea, rahalahy Davida. [8]Reo
ro foko ty Refaita bakao Gata, naho mate ty tagna Davida vaho ty tagna reo miaramilane iereo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 21

[1]Nisy fahavalo raike nitsanga nandietre Israely naho nandrisike i Davida mba hagnisake ty Israely. [2]Hoe Davida
tamy Joaba vaho reo mpifehe ty tafike hoe:" Mindehana, isaho ty vahoke Israely bakao Beri-sheba ka zisikagne
Dana naho ento amiko, mba hahaiako ty isa iereo." [3]Le hoe joaba hoe:" Hanombo agnabo zato ty tafine anie
Yaveh. Kanefa ry tompoko ty mpanjaka, feie tsy manompo ty tompoko ie iaby? Nagnino ro mipay zay ty tompoko?
Nagnino ro minday heloke amy Israely?"[4]Kanefa tampetre ty safa ty mpanjaka amy Joaba. Ka le lasa Joaba naho
nindeha nagnera Israely iaby. Bakeo le nihere tao Jerosalema re. [5]Naho le tinao Joaba tamy Davida ty fiharoa ty
isa reo lahilahy mpialy. Nisy lahilahy 1.100.000 mita-meso tao Israely. Joda arere ro nana miaramila 470.000.[6]Fa
Levy vaho Benjamina le tsy voaisake amiereo, satria niheje i Joaba ty baiko ty mpanjaka. [7]Naha-tohy an'Agnahare
ty fihetsene, ke le nanafike Israely Re. [8]Hoe Davida tamin'Agnahare hoe:" Nanonta bey raho tamity fanova zay.
Kea afaho ty heloke ty mpanomponao, satria nanao zaka-tsy mete bey raho."[9]Hoe Yaveh tamy Gada, mpaminane
Davida hoe: [10]"Mindehana ambarao amy Davida hoe:' Zao ro atalily Yaveh: Ameko safidy telo riha: Mifilia raike
amireo."'[11]Laha zao Gada le nimbaeo amy Davida naho nanao tamine hoe:" Zao ro ambara Yaveh:' Mifilia raike
amitoa: [12]kere telo tao, sa telo vola hiagne reo fahavalo vaho tratre ty meso iereo, sa telo andro amity meso Yaveh,
zane hoe, arete-mandany ao amity tane, miarake amity anjele Yaveh mandrava magnera ty tane Israely iaby.' Ka
amizao are, tampaho ty valen-drehake tokone ho enteko agne amity nagnirake ahy."[13]Le hoe Davida tamy Gada
hoe:" Sahira loatre raho. Engao raho hitonta eo antagna Yaveh hoe zay eo antagna ty ndaty, satria vatane foloay
ty fandeferane." [14]Laha zao le nandefa loza tamy Israely Yaveh, naho ndaty fito ale ro mate. [15]Nandefa anjele
tagne Jerosalema Yaveh mba handrava zay. Laha igne re mba handrava aze igne, le nagnente Yaveh naho
nagnova ty saine tamity raty. Hoe re tamity anjele mpandrava hoe:" Ampe zay! Ajanogno ty tagnanao." Tamize
andro zay le nitsanga teo amity famoloa Araona ty Jebosita ty anjele Yaveh.[16]Nagnente ambone Davida naho
nahisake ty anjele Yaveh nitsanga teo agnivo ty tane vaho ty lagnitre, nisy meso nanondro i Jerosalema tegne
antagnane. Bakeo Davida vaho reo olobey, nisiky akanjo fandala, nagnohoke ty tarehe iereo tamity tane. [17]Le hoe
Davida tamin'Agnahare hoe:" Feie tsy zaho ro nandily ty hagnisaha reo tafike? Nanao zay zaka raty zay raho. Fa
reo agnondry reo, ino ro natao iereo? Ry Yaveh Zagnahareko! Ao ty tagnanao hagnisy ahy vaho ty fokoko, fa ko
enga hitoboke amity vahoakenao ty loza."[18]Le nandily i Gada ty anjele Yaveh mba hitalily amy Davida, fa tokone
hiakatre vaho hagnore alitara ho ahy Yaveh eo amity famoloa Araona ty Jebosita ty Davida. [19]Laha zao le lasa
niakatre Davida arake ty toro-hevetre napane Gada nanoene amity agnara Yaveh. [20]Laha mboe nandisa vare ty
Araona, le nitolike re naho nahisake ty anjele. Le nihaja iereo vaho reo anadahine efatre.[21]Laha fa niavy tagne
amy Araona ty Davida, le nagnente Araona ka nahisake i Davida. Niala ty famoloa re naho nagnohoke ty
tarehene tamity tane to amy Davida. [22]Le hoe Davida tamy Araona hoe:" Avilio amiko ty famoloa toy, mba
hahafahako magnore alitara ho ahy Yaveh. Haloako ty viline feno, mba hiala amity vahoake ty loza."[23]Hoe Araona
tamy Davida hoe:" Alao ho anao zay, ry tompoko ty mpanjaka. Anovo amine ze hisanao fa soa ao amasonao. Ingo,
hagnomea agnombe ho anao ho fagnatetre oroa raho, ty famofoham-bare ho hetae, naho ty vare ho fagnatetre
voa; hameako anao iaby zay." [24]Le hoe Davida mpanjaka tamy Araona hoe:" Aha, mifahatre hivily zay amity viline
feno raho. Tsy hangalake ze anao vaho hanolotre zay ho fagnatetre oroa amy Yaveh raho laha amea ahy avao
zay."[25]Laha zao le nandoa enen-jato sekele volamena ho ahy ty toera ty Davida. [26]Nagnore alitara ho ahy Yaveh teo
Davida naho nanolotre fagnatetre oroa vaho fagnate-piharoa teo amizay. Nikaike Yaveh re, ty namale aze tamity
afo bakahne andagnitse ho eo amity alitara fagnoroa ty fagnatetre oroa. [27]Bakeo Yaveh nagnomea baiko ty anjele,
naho nagnere ty mesone tao amity fitobohane ty anjele.[28]Laha fa hisa Davida fa namale aze teo amity famoloa
Araona ty Jebosita ty Yaveh, le nanao ty soro teo re tamio andro o avao. [29]Naho tamize andro zay, ty tabernakele
Yaveh, ze natao Mosesy tagne agnefetre, vaho ty alitara ho ahy ty fagnatetre oroa, le tagne amireo tane agnabo
tagne Gibeona. [30]Kanefa, tsy afake nindeha tagne mba hangatake ty tari-dalan'Agnahare ty Davida, satria
natahotre ty meso ty anjele Yaveh re.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 22

[1]Bakeo Davida nirehake ty hoe:" Eto ro hisy ty tragno Yaveh Zagnahare, miarake amity alitara ho ahy ty
fagnatetre oroa Israely." [2]Ka nandily reo mpanompone ty Davida mba hamory miarake reo vahiny ze mitoboke
agne amity tane Israely. Tinendrene iereo mba ho mpamaky vato, mba hamaky reo vaton-kara, mba hagnoregna
ty tragnon'Agnahare.[3]Nagnomea vy maro bey ho hafantsike ty varavara mba ho eo amity vavahady, naho amireo
vy fagnitia Davida. Nagnomea varahy maro noho ze azo lanjae avao kea re, [4]naho hetae sedera maro tsy hay
isahe. (Ninday hetae sedera maro bey ho ahy Davida mba hisahe reo Sidoniana vaho reo Tyriana.) [5]Hoe ty Davida
hoe:" Solomona anadahiko le kele vaho tsy manam-pahaia, naho ty tragno ze tokone hamboare ho ahy Yaveh le
tsy maintsy mahajilo, mba halaza vaho ho bey hasy eo amireo tane hafa iaby. Ka hikarakara ty fagnoregna zay
raho." Laha zao le nanao fagnomana bey ty Davida taloha ty nifatezane.Bakeo le nikaike i Solomona anane re
nandily aze hagnore tragno ho ahy Yaveh, ty Zagnahare Israely. [7]Hoe Davida tamy Solomona hoe:" Ry zanako,
dineko ty hagnoregnako tragno, ho ahy ty agnara Yaveh Zagnahareko. [8]Kanefa Yaveh namonje ahy naho nirehake
hoe:' Le fa nampimpoke lio maro naho le fa nialy aly maro riha. Tsy hagnore tragno ho ahy ty agnarako riha,
satria le fa nampimpoke lio maro teto antane teo amasoko riha.[9]Na le zay aza, hana anadahy raike tea filongoa
riha. Hagnomea aze fitofa amireo fahavalone iaby amity lafine iaby Raho. Fa ty agnarane le hatao hoe Solomona,
naho hagnomea aze fiadagna vaho filamina ho ahy Israely amireo androne Raho. [10]Hagnore tragno ho ahy ty
agnarako re. Ho anako re, naho ho raene Raho. Hanao ty sezan-droandria ty fanjakane eo amy Israely zisikagne
Raho.'[11]Amizao, ry zanako, hiomba anao anie Yaveh naho hahasoa anao. [12]Hagnore ty tragno Yaveh Zagnaharenao
anie riha, arake ty nirehafene fa hataonao. Hagnomea anao say vaho fazavan-tsay avao kea anie Yaveh, mba
hagnenkeanao ty lily Yaveh Zagnahareko, laha fa manao anao hiasa eo amy Israely Re. [13]Le hosoa riha, laha
magnenke soa reo lala vaho reo lily ze namea Yaveh tamy Mosesy mikasike ty Israely. Maherea naho managna
herem-po. Ko matahotre na kivy.[14]Naho, ingo, ty ezake bey ze le fa vinognoko ho ahy ty tragno Yaveh te talenta
volamena 100.000, talenta volafoty ray tape-trisa, naho varahy vaho vy marobey. Le fa nagnomea hetae vaho vato
avao kea raho. Tsy maintsy hagnampe beibey kea reo iaby reo riha.[15]Mana mpiasa maro miarake aminao riha:
mpamaky vato, mpanao tragno, mpandrafitre, naho reo mpanao asa-tagna mahay maro isan-karazane, [16]ze afake
miasa amity volamena, volafoty, varahy, naho vy. Ka atombo ty asa, naho hiomba anao anie Yaveh."[17]Nandily reo
mpitarike ty Israely iaby avao kea Davida mba hagnampe i Solomona anadahine, manao hoe: [18]"Miomba anareo
Yaveh Zagnaharenareo naho le fa nagnomea fiadagna anareo tamity lafine iaby. Le fa nagnomea reo vahoake ty
faritre teto antagnako Re. Milavo lefo eo agnoloa Yaveh vaho ty ndatine ty fagnatetre. [19]Amizao mipaia Yaveh
Zagnaharenareo amity arofonareo iaby vaho ty fagnahinareo iaby. Mitsangana naho aoregno ty toera masy
Yaveh Zagnahare. Ka afake minday ty tomabile ty fagnenkea Yaveh vaho reo zaka ze an'Agnahare ao antragno ze
naore ho ahy ty agnara Yaveh nareo."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 23

[1]Laha fa antetre ty Davida naho marine ho lany ty andro ivelognane, le nataone mpanjaka handily Israely ty
Solomona anadahine. [2]Navorine niarake reo mpitarike ty Israely iaby, niarake tamireo mpisoro vaho reo Levita.
[3]Reo Levita telo-polo tao naho mihoatre ro hinafatre. Nisake valo arivo vaho telo ale iereo.[4]"Amireo, le efatre
arivo vaho roe ale ro nita ty asa tao antragno Yaveh, naho ene arivo reo manan-kasine vaho mpitsara. [5]Efatre
arivo ty mpiambe vavahady, naho efatre arivo ty mpiantsa Yaveh miarake amity zaka ze namboareko ho
fagnomea fiantsa," Hoe Davida. [6]Zinara ho vondro ze mifagnarake amireo anadahy Levy iereo: Gesrona, Kehata,
naho Merary.[7]Bakamireo foko Gersona, ro nisy i Ladana vaho Simey. [8]Telo ty anadahy Ladana: Jehiela ty
mpitarike, Zetama, naho Joela. [9]Telo ty anadahy Simey: Selomota, Haziela, naho Harana. Reo ro mpitarike reo
foko i Ladana.[10]Efatre ty anadahy Simey: Jahata, Ziza, Jeosy, naho Beria. [11]Jahata ro zokene vatane, naho Ziza ro
faharoe, fa Jeosy vaho Beria kea tsy mba nana anadahy maro, ka le natao ho foko raike mitovy asa iereo.[12]Efatre
ty anadahy Kehata: Amrama, Jizara, Hebrona, naho Oziela. [13]Toa iaby ty anadahy Amrama: Arona vaho Mosesy.
Voafily ho mpanoka reo zaka-masy vatane ty Arona, ka re vaho reo fokone ro hanolotre ty liten-ketae magnitre
eo agnoloa Yaveh, hanompo Aze naho hagnomea tso-drano amity agnarane zisikagne. [14]Fa laha ty amy Mosesy ty
lahilahin'Agnahare kea, le natao ho Levita reo anadahine.[15]Reo anadahy Mosesy le i Gersona vaho Eliezera. [16]Ty
foko Gersona le i Seboela ty zokene vatane. [17]Ty foko i Eliezera le i Rehabia. Tsy nanagnanake lahy hafa ty
Eliezera, kanefa Rehabia le nana foko maro. [18]Ty anadahy Jizara le i Selomita ty mpitarike.[19]Ty foko i Hebrona le i
Jeria, zokene vatane, Amaria ro faharoe, Jahaziela ro fahatelo, naho Jekameama ro fahaefatre. 20Reo anadahy
Oziela le i Mika zokene vatane, naho Isiah ro faharoe.[21]Reo anadahy Merary le i Maly vaho Mosy. Reo anadahy
Maly le i Eleazara vaho Kisy. [22]Mate tsy mba nitera-dahy ty Eleazara. Anakampela avao ro nanagnane. Reo
anadahy Kisy le nanambaly iereo. [23]Reo ana i Mosy telo lahy le i Maly, Edera, naho Jeremota.[24]Toa ro foko Levy
arake ty foko iereo. Iereo ro mpitarike, voaisake naho voaisake arake ty agnara ty foko ze nanao ty asa fanompoa
tao antragno Yaveh, manomboke eo amity roapolo tao ro ho miakatre. [25]Fa hoe Davida ty hoe:" Yaveh, Zagnahare
Israely, le fa nagnomea fitofa ho ahy ty ndatine. Nataone ao Jerosalema zisikezay ty tragnone. [26]Tsy hinday ty
tabernakele vaho reo zaka fiasa amity fanompoa iaby sase reo Levita."[27]Fa tamity alala ty safa Davida faeane ro
nagnisaha reo Levita, roapolo tao naho mihoatre. [28]Ty raraha iereo le magnatreke reo foko i Arona amity asa ao
antragno Yaveh. Iereo le mikara-kara reo kianja, reo efetragno, ty fomba fandiova reo zaka iaby ze ahy Yaveh,
naho ty asa fanompoa hafa ao antragnon'Agnahare. [29]Iereo avao kea ro mikarakara ty mofo ty fiatreha, ty koba
soa lisa ho vare fagnatetre, ty mofo manify tsy misy masirasira, fagnatetre voaende, fagnatetre misy diloilo, naho
ty fagnarana ty hamaroa vaho habein-jaka iaby.[30]Nitsanga isa-maray avao kea iereo mba hisaotre vaho hiantsa
Yaveh. Natao iereo avao kea zay ty hariva [31]naho na ombia mbia ro manese fagnatetre oroa ho ahy Yaveh, na
amity Sabata na amity fandaza ty voaloham-bola vaho amity andro fagnafara. Ty isake mare, ze voatendre ty lily,
le tsy maintsy atoro eo agnoloa Yaveh zisikagne.[32]Iereo ro nita ty tragno lay fivoria, ty toera masy, naho nanorake
reo foko i Arona nama iereo tamity fanompoa tao antragno Yaveh.

## Chapter 24

[1]Ty antokon'asa mifototre amireo foko i Arona le toa iaby: Nadaba, Abiho, Eleazara naho Itamara. [2]Nadaba vaho
Abiho le mate taloha ty nahafate ty rae iereo. Tsy nanagnanake iereo, ka niasa manahake ty mpisoro Eleazara
vaho Itamata. [3]Davida, niarake tamy Zadoka, foko i Eleazara, naho Ahimeleka, foko i Itamara, le nizara-zara iereo
ho antokone amity asa maha-mpisoro iereo.[4]Teo amireo foko i Eleazara le nisy lahilahy mpitarike maro kea noho
ty reo amireo foko i Itamara, ka zinara iereo ho antoko ene amby folo reo foko i Eleazara. Nanao zay tamity loha
ty foko-maro vaho tamireo foko i Itamara iereo. Valo reo fizara reo laha isahe, ze mifankahazo amity foko iereo
iaby. [5]Sinara-sara iereo tamity vaky iereo, satria nisy manan-kasy masy vaho manan-kasin'Agnahare, bakamireo
foko i Eleazara vaho reo foko Itamara.[6]Semaia anadahy Netanela mpanora-dala, Levita raike, le nanoratre ty
agnara iereo teo amity fiatreha ty mpanjaka, reo manan-kasy, Zadoka mpisoro, Ahimeleka anadahy Abiatara,
naho reo mpitarike ty fisoroha vaho reo foko ty Levita. Ty foko raike le voasarike tamity vakine bakamireo foko
Eleazara, naho ty magnaeake le ho saraha bakamireo foko Itamara.[7]Ty loka voalohane le nimbaeo amy Joariba, ty
faharoe i Jedaia, [8]ty fahatelo i Harima, ty fahaefatre i Seorima, [9]ty fahadime i Malkia, ty fahaene i Miamina, [10]ty
fahafito i Hakoza, ty fahavalo Abia,[11]ty fahasive i Jesoa, [12]ty fahafolo i Sekania, ty faha raike amby folo Eliasiba, ty
faharoe amby folo i Jakima, [13]ty fahatelo amby folo i Hopa, ty fahaefatre amby folo i Jesebaba, [14]ty fahadime amby
folo i Bilga, ty fahaene amby folo Imera,[15]ty fahafito amby folo Hezira, ty fahavalo amby folo i Hafizeza, [16]ty
fahasive amby folo i Petahia, ty faharoa-polo Jehezekela, [17]ty faharaike amby roa-polo Jakina, ty faharoe amby
roa-polo Gamola, [18]ty fahatelo amy roa-polo Delaia, naho ty fahaefatre amby roa-polo i Mazia,[19]Reo ro laharan'asa
iereo, laha fa niavy tao amity tragno Yaveh iereo, magnorike ty fotsipeke namea iereo tamity alala Arona
razambey iereo, manahake ty nagnanara Yaveh, ty Zagnahare Israely aze.[20]Toa ro sisa reo Levy: tamireo anadahy
Amrama, le i Sobaela; tamireo anadahy Sobaela, le Jedala. [21]Reo anadahy Rehabia: tamireo anadahy Rehabia, le
Jisia mpitarike. [22]Tamireo Jizarita, le i Selomota; tamireo anadahy Selomota, le i Jahata.[23]Reo anadahy Hebrona:
Jeria mpitarike, Amaria ro faharoe, Jahaziela ro fahatelo, naho Jekameana ro fahaefatre. [24]Agnate ty foko Mika ty
Samira. [25]Jisia ro rahalahy Mika. Agnate ty anadahy Jisia ty Zakaria.[26]Reo anadahy Merary: Maly vaho Mosy. Ty
anadahy Jazia, le i Beno. [27]Reo anadahy Merary: Jazia, Beno, Sohama, Zakora, naho Ibry. [28]Ty anadahy Maly:
Eleazara, ty tsy nana anadahy.[29]Ty anadahy Kisy, ty anadahy Kisy le: Jeramela. [30]Reo anadahy Mosy: Maly, Edera,
naho Jerimota. Reo ro Levita, voaisake arake ty foko iereo iaby. [31]Reo lahilahy ze loha ty isam-poko ty raene iaby
vaho reo faralahine iaby reo, le sambe niloka teo agnoloa Davida Mpanjaka, vaho Zadoka naho Ahimeleka,
niarake tamireo loham-poko reo mpisoro vaho reo Levita. Nanao antsapake manahake ty natao reo foko Arona
iereo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 25

1 Davida vaho reo mpitarike ty asa ty tabernakele le nifily ty asa ty ilane tamireo anadahy Asafa, Hermana, naho
Jedotona. Reo lahilahy reo le naminane tamireo harpa, lokanga, naho kipantso. Toa iaby ty lisite reo ndaty ze
nanao ze asa zay: 2 Bakamireo anadahy Asafa: Zakora, Josefa, Netania, naho Asarela, reo anadahy Asafa, teo
ambane fitariha Asafa, ty naminane teo ambane orimaso ty mpanjaka. 3 Bakamireo anadahy Jedotona: Gedalia,
Zery, Jesaia, Simey, Hasabia, naho Matatia, ene ty fiharoane, teo ambane fahe Jedotona rae iereo, nititike ty harpa
mba hagnomea fisaora vaho hiantsa Yaveh. 4 Bakamireo anadahy Hermana: Bokia, Matania, Oziela, Seboela, naho
Jerimota, Hanania, Hanany, Eliata, Gidalty, Romamti-ezera, Josbekasa, Maloty, Hotira, naho Mazaiota. 5 Anadahy
Hemana mpaminane ty mpanjaka reo iaby reo. Zagnahare le nagnomea anadahy efatre amby folo vaho
anakampela telo i Hemana mba hagnomea hasy aze. 6 Reo iaby reo le teo ambane fehe ty rae iereo. Mpititike zaka-
magneno tao antragno Yaveh iereo, miarake amireo kipantso vaho reo lokanga laha nanompo tao antragno
Yaveh iereo. Asafa, Jedotona, naho Hermana le teo ambane orimaso ty mpanjaka. 7 Iereo vaho reo rahalahine ze
nanam-pahaia vaho vinogno mba hititike mozike ho ahy Yaveh le nisake 288. 8 Nanao antsapake ho ahy reo asane
iereo, mitovy iaby, hoe zay kea ho ahy ty kele vaho ty antetre, ty mpagnanatre vaho ty mpianatre. 9 Laha ty
mikasike reo anadahy Asafa: ty antsapake voalohane le azo ty foko Josefa; ty faharoe azo ty foko Gedali, ndaty
misake reo amby folo; 10 ty fahatelo azo Zakora, reo anadahy vaho reo longone, ndaty misake roe amby folo; 11 ty
fahaefatre azo Jizry, reo anadahy vaho reo longone; ndaty roe amby folo; 12 ty fahadime le azo Netania, reo
anadahy vaho reo longone, ndaty misake roe amby folo; 13 Ty fahaene le azo Bokia, reo anadahine vaho reo
longone, ndaty misake roe amby folo; 14 ty fahafito azo Jesarela, reo anadahine vaho reo longone, ndaty misake
roe amby folo; 15 ty fahavalo le azo Jesaia, reo anadahine vaho reo longone, ndaty misake roe amby folo; 16 ty
fahasive le azo Matania, reo anadahine vaho reo longone, ndaty misake roe amby folo; 17 Ty fahafolo le azo Simey,
reo anadahine vaho reo longone, ndaty misake roe amby folo; 18 ty faharaike amby folo le azo Azarela, reo
anadahine vaho reo longone, ndaty misake roe amby folo; 19 ty faharoe amby folo le azo Hasabia, reo anadahine
vaho reo longone, ndaty misake roe amby folo; 20 ty fahatelo amby folo le azo Sobaela, reo anadahine vaho reo
longone, ndaty misake roe amby folo; 21 Ty fahaefatre amby folo le azo Matitia, reo anadahine vaho reo longone,
ndaty misake roe amby folo; 22 ty fahadime amby folo le azo Jemerota, reo anadahine vaho reo longone, ndaty
misake roe amby folo; 23 ty fahaene amby folo le azo Hanania, reo anadahine vaho reo longone, nadty misake roe
amby folo; 24 ty fahafito amby folo le azo Josbekasa, reo anadahine vaho reo longone, ndaty misake roe amby folo;
25 Ty fahavalo amby folo le azo Hanania, reo anadahine vaho reo longone, ndaty misake roe amby folo; 26 ty
fahasive amby folo le azo Maloty, reo anadahine vaho reo longone, ndaty misake roe amby folo; 27 ty faharoa-polo
le azo Eliata, reo anadahine vaho reo longone, ndaty misake roe amby folo; 28 ty faharaike amby roa-polo le azo
Hotira, reo anadahine vaho reo longone, ndaty misake roe amby folo; 29 Ty faharoe amby roa-polo le azo Gidalty,
reo anadahine vaho reo longone, ndaty misake roe amby folo; 30 ty fahatelo amby roa-polo le azo Mahaziota, reo
anadahine vaho reo longone, ndaty misake roe amby folo; 31 ty fahaefatre amby roa-polo le azo Romamti-ezera,
reo anadahine vaho reo longone, ndaty misake roe amby folo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 26

[1]Toa iaby ty fizara reo mpiambe vavahady: Bakamireo Koraita, Meselemia anadahy Kore, foko i Asafa. [2]Meselemia
le nanagnanake lahy: Zakaria ro voalohane, Jediaela ro faharoe, Zebadia ro fahatelo, Jatniela ro fahaefatre,
[3]Elama ro fahalime, Johanana ro fahaene, Elihoenay ro fahafito.[4]Obed-edoma le nana anadahy: Semaia ro
voalohane, Jozabada ro faharoe, Joa ro fahatelo, naho Sakara ro fahaefatre, naho Netanela ro fahalime, [5]Amiela
ro fahaene, Isakara ro fahafito, Peoletahy ro fahavalo, satria tinahin'Agnahare ty Obed-edoma. [6]Naho Semaia
anane le niterake lahy ty nandily teo amity foko iereo; iereo le lahilahy mana fahaia manao maro.[7]Reo anadahy
Semaia le: Otny, Rafaela, Obeda naho Elzabada. Reo longo Eliho vaho Semakia le ndaty mana fahaia-manao maro
avao kea. [8]Reo iaby reo le foko Obede-edoma. Iereo vaho ty anadahy iereo naho reo longone le ndaty mahavita
manao ty adidine agne amity tabernakele fanompoa. Nisy roe amby enem-polo tamiereo nifankahazo tamy
Obed-edoma. [9]Meselemia le nana anadahy vaho Longo, ndaty manam-pahaia, valo amby folo ty fiharoane.[10]Hosa,
foko i Merary, le nanagnanake lahy: Simry ro mpitarike( na le tsy lahy voalohane aza re, le nataon-draene ho
mpitarike), [11]Hilkia ro faharoe, Tebalia ro fahatelo, naho Zakaria ro fahaefatre. Reo anadahy Hosa vaho ty
longone marine iaby le telo amby folo ty isane.[12]Reo fizara reo mpiambe vavahady reo, mifagnarake amity
mpitarike iereo, le nana asa, manahake reo longone, mba hanompo ao antrano Yaveh. [13]Niloka iereo, na ty kele
na ty antetre, mifagnarake amity foko iereo, ho ahy ty isam-bavahady. [14]Laha fa natorake ho ahy ty vavahady
antignana ty loka, le poke tao amy Selemia zay. Le nanorake ty loka ho ahy Zakaria anadahine iereo, ty
mpagnomea hevetre mare, naho ty lokane le niboake ho ahy ty vavahady avaratre.[15]Ty vavahady antimo le
tinendre ho ahy Obed-edoma, naho ty tragno famoria ro tinendre ho ahy reo anadahine. [16]Ty vavahady
ahandrefa ro tinendre ho ahy Sopima vaho Hosa miarake amity vavahady Saleketa, amity lala miakatre.
Voatoboke ho ahy isam-poko reo fiambena.[17]Tagne antignana le nisy Levita ene, ty tagne avaratre efatre
isan'andro, ty tagne antimo efatre isan'andro, naho lahilahy kiroe-droe ty tagne amity tragno famoria. [18]Tao amity
fitsara ahandrefa le nisy soratre efatre, efatre tegne amity lala, naho roe tao amity fitsara. [19]Reo ro fizara reo
mpiambe vavahady. Iereo le feno ty foko Kora vaho Merary.[20]Eo amity Levita, Ahia ro nita reo harea tao
antragnon'Agnahare, vaho ty amireo harea tao amireo zaka ze ahy Yaveh. [21]Ty foko Ladana, foko bakamy Gersona
bakamity alalane naho ty mpitarike ty foko Ladana ty Gersonita, le i Jehielita vaho reo anadahine, [22]Zetama, vaho
Joela rahalahine, ty nagnori-maso ty tragno famoria ao antragno Yaveh.[23]Nisy mpiambe avao kea vosarike tamity
foko Armama, Jizara, Hebrona, naho Oziela. [24]Seboela anadahy Gersona ana i Mosesy, ro mpagnori-maso eo amity
tragno famoria. [25]Reo longone bakamity foko Eliezera le Rehabia anadahine, Jesaia anadahy Rehabia, Jorama
anadahy Jesaia, Zikry anadahy Jorama, naho Selomota anadahy Zikry.[26]Selomota vaho ty longone, le nita ty tragno
famoria iaby mita reo zaka ze ahy Yaveh, ze natoka Davida mpanjaka, reo mpitarike ty foko, ty mpifehe ty arivo
vaho ty mpifehe ty zato, naho reo mpifehe ty tafike. [27]Natoka iereo ze azo babo tamity aly ho famoeza ho ahy ty
tragno Yaveh. [28]Nita ty amity zaka iaby ze natoka i Samoela mpaminane, Saoly anadahy Kisy, Abnera anadahy
Nera, naho Joaba anadahy Zeroia ho ahy Yaveh avao kea iereo. Ty zaka iaby ze voatoka ho ahy Yaveh le teo
ambane fiambena Selomota vaho reo longone.[29]Ty bakamity foko i Jizara, Kenania vaho reo anadahine ro nita ty
raraha ty ndaty tsotra amy Israely. Iereo le manan-kasy vaho mpitsara. [30]Ty bakamity foko i Hebrona, Hasabia
vaho reo rahalahine, le lahilahy mahay 1.700, ro nita ty asa Yaveh vaho ty asa ty mpanjaka. Tagne andafe
ahandrefa Jordana iereo.[31]Bakamity foko Hebrona, Jeria ro mpitarike tamireo fokone, voaisake tamity lisite reo
fokone. Tamity tao fahefa-polo nanjaka Davida ro nandineha iereo ty fanova antsoratre naho nahitane lahilahy
mahay tao Jazera agne Gileada teo amiereo. [32]Jeria le nana longo 2.700, ty loham-poko mahay. Natao Davida mpita
teo amireo foko Robena vaho Gada, naho ty vaky ty foko Manase, amity zaka iaby mikasike an'Agnahare, vaho ty
amity raraha ty mpanjaka iereo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 27

[1]Toa ty lisite ty foko reo mpitarike Israelita, reo mpifehe ty arivo vaho ty zato, amireo manankasy ty tafike ze
nanompo ty mpanjaka tamity fomba sambehafa. Ty antoko miaramila kirai-kiraike le nanompo isam-bola zisike
ty tao. Ty antoko kirai-kiraike le nisy lahilahy efatre arivo vaho reo ale iaby. [2]Ty loha ty antoko tamity vola
voalohane le i Jasobeama anadahy Zabdiela. Nisy lahilahy efatre arivo vaho roe ale tao amity antokone. [3]Agnate
reo foko i Fareza re naho nita reo manan-kasy ty tafike iaby zisike ty vola voalohane.[4]Dodo ro loha ty antoko
tamity vola faharoe, ze bakamity foko Ahoa. Miklota ro teo amity lahara faharoe. Nisy lahilahy efatre arivo vaho
reo ale tao amity antokone. [5]Ty mpifehe ty tafike tamity vola fahatelo le i Benaia anadahy Joiada, mpisoro vaho
mpitarike. Nisy lahilahy efatre arivo vaho reo ale tao amity antokone. [6]Io ty Benaia ze mpitarike reo telo-polo,
vaho loha reo telo-polo. Tao amity antokone ty Amizabada anadahine.[7]Asahela rahalahy Joaba ro mpifehe tamity
vola fahaefatre. Zebadia anadahine ro lasa mpifehe nisolo aze. Nisy lahilahy efatre arivo vaho roe ale tao amity
antokone. [8]Samihota ro mpifehe tamity vola fahalime, ty foko Jizarita. Nisy lahilahy efatre arivo vaho reo ale tao
amity antokone. [9]Ira anadahy Ikesy, bakagne Tekoa ro mpifehe tamity vola fahaene. Nisy lahilahy efatre arivo
vaho roe ale tao amity antokone.[10]Hezela Pelonita, bakamireo vahoake Efraima ro mpifehe tamity vola fahafito.
Nisy lahilahy efatre arivo vaho roe ale tao amity antokone. [11]Sibekay ty Hosatita, bakamity foko Zera ro mpifehe
tamity vola fahavalo. Nisy lahilahy efatre arivo vaho roe ale tao amity antokone. [12]Abizera ty Anatotita, bakamity
foko i Benjamina ro mpifehe tamity vola fahasive. Nisy lahilahy efatre arivo vaho roe ale tao amity antokone.
[13]Maharay bakagne amity tana i Netofata, bakamity foko Zera ro mpifehe tamity vola fahafolo. Nisy lahilahy
efatre arivo vaho roe ale tao amity antokone. [14]Benaia bakagne amity tana i Piratona, bakamity foko i Efraima ro
mpifehe tamity vola faha-raike amby folo. Nisy lahilahy efatre arivo vaho reo ale tao amity antokone. [15]Helday
bakao amity tana Netofata, bakamity foko Otniela ro mpifehe tamity vola faharoe amby folo. Nisy lahilahy efatre
arivo vaho roe ale tao amity antokone.[16]Toa iaby reo mpitarike ty foko Israely: Ho ahy ty foko Robena, le Eliezera
anadahy Zikry ro mpitarike. Ho ahy ty foko Simeona, le Sefaita anadahy Maka ro mpitarike. [17]Ho ahy ty foko Levy,
le Hasabia anadahy Kemoela ro mpitarike, naho Zadoka ro nitarike reo foko Arona. [18]Ho ahy ty foko Joda, le Eliho,
raike amireo rahalahy Davida ro mpitarike. Ho ahy ty foko Isakara, le Omry anadahy Mikaela ro mpitarike.[19]Ho
ahy ty foko Zebolona, le Jismala anadahy Obadia ro mpitarike. Ho ahy ty foko Naftaly, le Jerimota anadahy
Azriela ro mpitarike. [20]Ho ahy ty foko Efraima, le Hosea anadahy Azazia ro mpitarike. Ho ahy ty vaky ty foko
Manase, le Joela anadahy Pedaia ro mpitarike. [21]Ho ahy ty vaky ty foko Manase tao Gileada, le Ido anadahy
Zakaria ro mpitarike. Ho ahy ty foko Benjamina, le Jasiela anadahy Abniera ro mpitarike. [22]Ho ahy ty foko Dana,
le Azarela anadahy Jehorama ro mpitarike. Reo ro mpitarike ty foko Israely.[23]Tsy nagnisake reo roa-polo tao na
ambane zay ty Davida, satria nampagnantegna ty hagnamaro Israely manahake reo kinta ty lagnitre Yaveh.
[24]Nanomboke nagnisake reo ndaty ty Joaba, feie tsy nahavita. Laha zao le nitonta teo amy Israely ty havignira. Tsy
voasoratre ao amity Tantara i Davida Mpanjaka o isakeo.[25]Azmaveta anadahy Adiela ro nita ty rake ty mpanjaka.
Jonatana anadahy Ozia ro nita ty famoria tagne ambaibo, tagne amireo tanam-bey, vaho tagne amireo ana-
bohine, naho tagne amireo tilikambo voaaro. [26]Ezry anadahy Keloba ro nita reo tambanevolo, reo ze niasa ty
tane. [27]Simey bakagne Rama ro nita reo tanem-boaloboke, naho Zebdy bakagne Sifama ro nita reo voaloboke
vaho ty lakale famorian-divay.[28]Bala-hanana bakagne Gadera ro nita reo hetae oliva vaho reo hetaen'amonta
tagne amireo tane gebo, naho Joasy ro nita reo tragno famoria-menake. [29]Sitray bakagne Sarana ro nita reo biby
hare ze nihinam-bilo tagne Sarana, naho Safata anadahy Adlay ro nita reo biby hare ze tagne amireo baibo.
[30]Obila ty Ismaelita ro nita reo rameva, naho Jedda bakagne Meronota ro nita reo borike vave. Jaziza Hagarita ro
nita reo agnondry aman'ose. [31]Roe iaby reo le mpita ty fanagna Davida Mpanjaka iaby.[32]Mpagnomea hevetre i
Jonatana, rahalahin-drae Davida, satria mare ro vaho mpanora-dala re. Jehiela anadahy Hakmony ro nidineke
reo ana ty mpanjaka. [33]Ahitofela ro mpagnomea hevetre ty mpanjaka, naho Hosay bakamireo vahoake Arkita ro
mpagnomea hevetre ty mpanjaka. [34]Rinae Joiada anadahy Benaia, vaho Abiatara ty toera Ahitofela. Joaba ro
mpifehe ty tafike ty mpanjaka.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 28

1Navory Davida reo manan-kasy ty Israely iaby tao Jerosalema: reo manan-kasy reo foko, reo manam-pahefa reo
antoko ze nanompo ty mpanjaka tamity asa iereo voalahatre, reo mpifehe agnarivo vaho mpifehe anjato, reo
mpita ty harea vaho fanagna ty mpanjaka vaho ty ahy reo anadahine iaby, naho reo manan-kasine vaho reo
lahilahy mpialy, agnate zay ty mahay vatane amiereo.2Le nitsanga Davida mpanjaka naho nanao hoe:" Dranjigno
raho, ry rahalahiko vaho vahoakeko. Dineko ty hamboatre tempoly ho ahy ty tomabile ty fagnenkea Yaveh; fisin-
tomboke ho an'Agnahare, naho le fa nanao fagnomana hagnoregna zay raho. 3Nefa hoe ty Zagnahare tamiko hoe:'
Tsy hamboatre tempoly ho ahy ty agnarako riha,satria lahilahin'aly riha naho le fa nampipo-dio.'4Naho Yaveh, ty
Zagnahare Israely, le fa nifily ahy tamity fokon-draeko iaby ho mpanjaka eo amy Israely zisikagne. Le fa nifily ty
foko Joda ho mpitarike Re. Nifily ahy ho mpanjaka eo amy Israely iaby tao amity foko Joda, naho tao amity fokon-
draeko, bakamity anadahin-draeko iaby Re. 5Bakamireo anadahy maro namea Yaveh ahy, ro nifiliane i Solomona,
anadahiko, mba hitoboke eo amity sezan-droandria ty fanjaka Yaveh, eo amy Israely.6Hoe Re tamiko hoe:'
Hamboatre ty tragnoko vaho reo kianjako ty Solomona anadahiko, satria le fa nifily aze ho anako raho, naho ho
raene raho. 7Hanao ty fanjakane zisikagne Raho, laha mitoboke manao reo liliko vaho lalako, manahake anao
amizao re.'8Naho amizao, eo amaso Israely iaby, ty fiangona ho ahy Yaveh toy, vaho eo amity
fiatrehan'Agnaharentika, le ambenonareo iaby naho tano reo lily Yaveh Zagnaharenareo iaby. Anovo zay mba
hanagnanareo ze tane soa zay ka hanao zay ho lova reo anagnareo afara nareo zisikagne.9Naho ty aminao, ry
Solomona anako, enkeno ty Zagnahare ty raenao, naho manompoa aze amity fonao iaby vaho fagnahy mazoto.
Anovo zay satria Yaveh mipay ty arofo iaby naho mahatakatre ty zoto ty dinene ty ndaty iaby. Laha mipay Aze
riha, le ho hisanao Re, nefa laha miala aze riha, le hagnary anao zisikagne re. 10Haiko fa Yaveh le fa nifily anao
mba hamboatre ze tempoly zay ho fitoboha ty masy. Mimafea ka anovo zay."11Le namea Davida i Solomona anane
ty sare ty filira ty tempoly, ty fangana ty tempoly, reo tragno famoria, reo efetre farane ambone, reo efetre
agnatene, naho ty efetre misy ty tako fagnavota. 12Nameane iereo zaka nataone sare ho ahy reo kianja ty tragno
Yaveh, reo efetre magnodidy iaby, reo tragno famoria iaby, reo tragno famoria ao antragnon'Agnahare, naho reo
famorian-draketre ho ahy reo zaka ze ahy Yaveh.13Nagnomea aze reo fotsipeke ho ahy reo fizara reo mpisoro
vaho reo Levita, ho ahy reo asa voatendre ho ahy ty fanompoa ao amity tragno Yaveh, naho ho ahy reo zaka iaby
ho ahy ty fanompoa ao antragno Yaveh re. 14Nameane aze ty lanja ty fanake volamena iaby ho ahy ty fanompoa
isan-karazane iaby naho ty fanake volafoty iaby, ho ahy ty zaka iaby ho ahy ty karazam-panompoa iaby. 15Reo
ilane reo le namea tamity lanja, agnate zay ty ilane reo fanoan-jiro volamena vaho reo jiro volamena, ty ilane ty
lanja ho ahy ty fanoan-jiro iaby, ho ahy reo Jiro, ho ahy reo fanoan-jiro volafoty, naho ty ilane ho ahy ty fiasa
arere ty fanoan-jiro iaby.16Nameane ho ahy reo latabatre ty mofo ty fiatreha, ho ahy ty latabatre iaby ty lanja ty
volamena, naho ty lanja ty volafoty ho ahy reo latabatre volafoty. 17Nameane ho ahy reo sotro fihinanan-kena, reo
koveta, naho reo kapoake ty lanja ty volamena tsy miharo. Nameane ty lanja ty finga volamena kirai-kiraike,
naho ty lanja ty finga volafoty kirai-kiraike.18Nameane ho ahy ty alitara fagnoroa liten-ketae magnitre ty lanja ty
volamena voalio, naho ty ahy ty volamena ho ahy ty sare ty Kerobima ze mamelatre reo elane ka manaro ty
tomabile ty fagnenkea Yaveh. 19Hoe Davida ty hoe:" Le fa nataoko antsoratre ze iaby zay arake ty nanoroa Yaveh
ahy vaho nampahazoane ahy miomba ty sare."20Hoe Davida tamy Solomona anane hoe:" Mimafea naho managna
herem-po. Anovo ty asa. Ko matahotre na misalasala, fa Yaveh Zagnahare, Zagnahareko, le miomba anao. Tsy
hagnenga anao Re na hiala anao mandram-pahavita ty asa iaby ho ahy ty fanompoa ao amity tempoly Yaveh.
21Ingo, tao reo fizara reo mpisoro vaho reo Levita ho ahy ty fanompoa iaby ao antempolin'Agnahare. Hiarake
aminao iereo, miarake amity lahilahy manam-pagniria vaho vatane mahay iaby, mba hagnampe anao amity asa
vaho hanao ty fanompoa. Reo manan-kasy vaho ty vahoake iaby le vogno ty hagnorike reo baikonao."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 29

[1]Hoe Davida Mpanjaka tamity fiangona iaby hoe:" Solomona anadahiko, zay avao finilin'Agnahare, le mboe kele
vaho tsy mana fahaia, nefa mafe ty asa. Fa ty tempoly le tsy ho ahy ty vahoake fa ho ahy Yaveh Zagnahare. [2]Ka le
fa nanao ze tomabile hereko raho mba hagnomea ty tempoly ty Zagnahareko. Hagnomea volamena raho ho ahy
ze zaka vitae amity volamena, volafoty ho ahy ze zaka vitae amity volafoty, varahy ho ahy ze zaka vitae amity
varahy, vy ho ahy ze zaka vitae amity vy, naho hetae ho ahy ze zaka vitae amity hetae. Hanolotre vato beryla
avao kea raho, vaho haore, vato ho ahy ty asa voafaritre maro loko__kara vato lafo-vily iaby__naho marmora foty
maro bey.[3]Ingo, noho ty hateako ty ao antragnon'Agnahareko, le hameako ho ahy zay ty volamena vaho ty
volafoty lafo-vily fanagnako. Ataoko zao ho fagnampe ze iaby le fa vinognoko ho ahy ty tempoly masy toy:
[4]Talenta volamena bakagne Ofira telo arivo, vaho talenta hagnisia reo rindry reo fagnoregna. [5]Hagnomea
volamena ho ahy ty zaka ho vitae amity volamena raho, vaho volafoty ho ahy ty zaka ho vitae amity volafoty,
naho reo zaka ho ahy ty karazan'asa iaby ze atao reo mpanao asa tagna. Zay avao kea ro te-handrae anjara ho
ahy Yaveh androany naho hanolo-bata hoaze?"[6]Naho reo fagnatetre antsitrapo le natao reo mpitarike ty foko ty
razambey iereo, reo mpitarike reo foko Israely, reo mpifehe reo agnarivone vaho an-jatone, naho reo manan-kasy
eo amity asa ty mpanjaka. [7]Nagnomea talenta dime arivo vaho darike volamena ray ale, talenta volafoty ray ale,
talenta varahy valo arivo vaho ray ale, naho talenta vy 100.000 ho ahy ty asa ty tragnon'Agnahare iereo.[8]Reo ze
nana vato lafo-vily le nagnomea zay tao amity fitobohan-draketre ty tragno Yaveh, teo ambane orimaso Jehiela,
foko i Gersona. [9]Nifalefale ty vahoake noho reo fagnatetre antsitrapo reo, satria nandrae anjara tamity fone iaby
ho ahy Yaveh iereo. Fale le fale avao kea ty Davida Mpanjaka.[10]Nisaotre Yaveh teo agnoloa ty fiangona iaby ty
Davida. Hoe re ty hoe:" Ho antsae anie Riha, ry Yaveh, Zagnahare ty Israely razambeinay, zisikezay. [11]Riha, ry
Yaveh, ty habey, ty fahefa, ty hasy, ty faharesea, naho ty famirapirata. Fa iaby ze egne amity lagnitre vaho eo
ambone ty tane le Anao. Anao ty fanjaka, ry Yaveh, akare ho mpandily eo amity zaka-iaby Riha.[12]Ty harea vaho ty
hasy le sambe bakaminao, naho mandily amity ndaty iaby Riha. Eo antagnanao ty fahefa vaho ty here.
Hanagnanao ty ozatre vaho ty here mba hahabey ty ndaty vaho hagnomea ozatre ty ndaty na ia ia. [13]Ka amizao,
ry Zagnaharenay, le misaotre Anao vaho miantsa ty agnaranao bey hasy zahay.[14]Fa ia vao raho, naho ia reo
vahoako, ro tokone ho afake hanolotre reo zaka reo antsitrapo? Eka mare, ty zaka iaby le bakaminao, ka le
nampolinay taminao mora avao ze anao. [15]Fa vahiny vaho mpandalo manahake reo razambeinay iaby zahay, eo
agnoloanao. Ty andronay eto antane le manahake ty aloke, naho tsy misy fagnantegna ty amity fijanogna eto
antane.[16]Ry Yaveh Zagnaharenay, reo harea iaby reo ze voavorinay mba hanangana tempoly hagnomean-kasy ty
agnaranao masy__le bakaminao naho Anao. [17]Haiko avao kea, ry Zagnahareko, fa midineke ty arofo vaho mitea ty
fahitia riha. Laha ty amiko, tamity fahitiam-poko ro la fa nanolorako antsitrapo reo zaka iaby reo, naho amizao
magnente ampifalea reo vahoakenao ze magnoloa antsitrapo eto manolotre fagnomea ho anao raho.[18]Ry Yaveh,
ty Zagnahare Abrahama, Isaka, naho Israely__razambeinay__tano zisikagne ao antsay amagneretreretre reo
vahoakenao zay. Tariho ty arofo iereo hitolike aminao [19]Ameo i Solomona anadahiko ty arofo feno fagniria
hiambe reo lilinao, reo lala ty fagnenkeanao, naho reo lalanao, mba hanova reo vetse-vetse iaby ty amity
fanangana ty lampa ze le fa vinatseko."[20]Hoe Davida tamity fiangona iaby hoe:" Amizao misaora Yaveh
Zagnaharenareo." Ty fiangona iaby, nisaotre Yaveh, ty Zagnahare ty razambey iereo, nagnondreke ty lohane ka
nanompo Yaveh naho nihohoke teo agnoloa ty mpanjaka. [21]Ty hamaray, le nanao soro ho ahy yaveh vaho
nanolotre fagnatetre oroa ho aze iereo. Nanolotre agnombe arivo, agnondry lahy arivo, naho anak'agnondry
arivo, niarake tamity fagnatetre nome vaho soro maro le maro ho ahy Israely iaby iereo.[22]Tamize andro zay, le
nihina vaho nino teo agnoloa Yaveh tamity fandaza bey iereo. Natao iereo mpanjaka fagnindroene ndraike ty
Solomona, ana Davida, naho nagnosotre aze ho mpanjaka tamity alala ty fahefa Yaveh. Nagnosotre Zadoka ho
mpisoro avao kea iereo. [23]Naho Solomona nitoboke teo amity sezan-droandria Yaveh ho mpanjaka hisolo Davida
raene. Niambine re, naho ty Israely iaby nitea aze.[24]Reo mpitarike iaby, miaramila, naho reo anadahy Davida le
nagnomea fagnenkea i Solomona MPanjaka. [25]Namea Yaveh hasy tamim-pahabeiza teo agnoloa Israely iaby ty
Solomona naho nameane fahefam-bey noho ze le fa nameane reo mpanjaka taloha tao Israely.[26]Nanjaka teo amy
Israely iaby ty Davida anadahy Jese. [27]Mpanjaka Israely zisike ty efa-polo tao ty Davida. Nandily i Hebrona zisike
ty fito tao naho Jerosalema zisike ty telo amby telopolo tao re. [28]Mate re laha fa antetre vatane, laha fa nivelo ela,
tamity harea vaho hasy. Nisolo aze ty Solomona anane.[29]Voasoratre ao amity boke Samoela mpaminane, ao amity
boke Natana mpaminane, naho ao amity boke Gada mpaminane reo zaka-vita Davida Mpanjaka. [30]Voata ao reo
asa ty fandiliane, reo zaka-vitane vaho reo zaka-nisy ze nikasike aze, Israely, naho reo fanjaka ty tane hafa iaby.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

# 2 Chronicles

Chapter 1

[1]Solomona anadahy Davida, le nitombo here tamity fanjakane, naho Ya Zagnaharene le niaro aze naho nahavy
aze ho lasa mahere.[2]Solomona nirehake tami Israely iaby, tamireo mpifehe ty arivo lahy vaho ty zato lahy, vaho
tamireo mpitsara, naho tamity roandrian-dahy iaby tao Israely iaby, reo mpitarike ty tragnon-draza. [3]Ka le
nindeha tegne amity fitoera abo tagne Gibeona ty Solomona vaho ty mpiharo amine, satria tagne ro nisy ty
tragno lay fivoria amin'Agnahare, ze namboare Mosesy mpanompo Yaveh, tagne agnefetre. [4]Fa niente Davida
bakagne Kiriata-Jearima ho agne amity toera ze vinognone ho amizay ty tomabilen'Agnahare, satria le fa nagnore
tragno ho ahy zay tao jerosalema re. [5]Fagnampezay, ty alitara varahy natao Bezalila anadahy Ori anadahy Hora le
fa tagne niaolo ty tabernakele Yaveh; nindeha tagne Solomona vaho ty fiangona.[6]Niakatre tagne amity alitara
varahy agnoloa Yaveh ty Solomona, ze tao amity tragno lay fivoria, naho nanolotre fagnatetre oroa arivo teo
amizay. [7]Zagnahare niseho tamy Solomona tamio hale eo naho nanao tamine hoe:" Angataho! Ino ro tokone
ameiko anao?"[8]Hoe Solomona tamin'Agnahare hoe:" Riha le fa nanoro fandefera bey tamy Davida raeko, naho
nanao ahy ho mpanjaka teo amity toerane. [9]Amizao, ry Yaveh Zagnahare, ao mba ho tanterahe ty
fampagnantegna nataonao tamy Davida raeko, satria nataonao mpanjaka ty ndaty maro agnisa hoe ty deboke ty
tane raho. [10]Ka ameo fahamarea raho vaho fahaia, mba hahafahako mitarike ty vahoake toy, satria ia ro afake
hitsara ty vahoakenao, ze vatane maro isake?" [11]Hoe Zagnahare tamy Solomona hoe:" Satria tao amponao zay,
naho satria tsy nangatake vola aman-karea riha, na hasy, na ty fiay reo ze malay anao, na mba ho ela velo riha, fa
hamarea vaho fahaia ho ahy ty vatanao ro nangatahanao, mba hahafahanao manjaka amity vahoakeko, eo
amireo ze nagnanovako anao ho mpanjaka, naho zao ro hataoko.[12]Hameiko hamarea vaho fahaia riha androany.
Hameiko vola aman-karea, vaho hasy avao kea riha, ze tsy nanagna reo mpanjaka teo alohanao, naho tsy hisy
afaranao hana." [13]Ka avy tao Jerosalema bakagne amity fitoboha abo ze tao Gibeona ty Solomona, bakeo agnoloa
ty tragno lay fivoria; nanjaka nagnera Israely re.[14]Namory reo Kalese vaho mpitiki-tsoavale ty Solomona, naho
nana Kelese 1.400 vaho mpitiki-tsoavale roa-arivo vaho ray ale re ze natobone tao amity tana tioera ty Kalese,
naho niarake tamine, ty mpanjaka tao Jerosalema. [15]Natao ty mpanjaka nimaro tao Jerosalema hoe ty vatokele ty
volafoty vaho volamena, naho nataone nimaro hoe ty aviavy ze egne amireo tane gebo ty hetae sedera. [16]Hoe ty
fagnafara reo soavale bakagne Egypta vaho kiho ho ahy Solomona, le vinily reo mpandrantone bakagne Kiho
tamity viline toka reo. [17]Nagnafatre kalese bakagne Egypta tamity sekele volafoty enen-jato iereo, naho soavale
tamity viline sekele 150. Iereo avao kea le nagnondra reo tagne amireo mpanjaka Hetita vaho reo Syriana.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 2

[1]Naho Solomona ro nibaiko ty fagnoregna tragno ho amity agnara Yaveh vaho ty fagnoregna lampa ho ahy ty
fanjakane. [2]Nanendre lahilahy fito ale ty Solomona mba hinday reo enta, vaho lahilahy valo ale mba ho mpandily
hetae tagne ambohitse, naho lahilahy 3.600 mba hagnori-maso iereo. Nandefa talily tagne amity Hirama,
mpanjaka Tyro ty Solomona, nanao hoe: [3]"Manahake ze nataonao tamy Davida raeko, ty nandefasanao hetae
sedera mba hagnoregnane tragno hitoboha, le manova hoe zay amiko.[4]Ingo, eto ampagnoregna tragno ho amity
agnara Yaveh Zagnahareko raho, mba hanoka zay ho aze, mba hagnoro liten-ketae magnitre eo agnoloane, mba
hametrake ty mofo ty fiatreha, naho ho ahy reo fagnatetre oroa amity maray vaho hariva, amireo Sabata vaho
reo vola vaovao, naho amireo fifalea voatondro ho ahy Yaveh Zagnaharentika. Zisikezay zay, ho ahy Israely. [5]Ho
bey vatane ty tragno ze haoreko, satria bey ty Zagnaharentika mihoatre reo zagnahare iaby.[6]Fa ia nefa ro mahay
magnore tragno ho an'Agnahare, laha zao tontolo iaby zao hatramity lagnitre aza tsy tendreke Aze? Ia raho ro
hagnore tragno ho Aze, laha-tsy ty magnoro soro eo agnoloane? [7]Laha zao agniraho lahilahy manan-pahaia amity
asa amity volamena, volafoty, varahy, vy, vaho volomparasy, sily, naho volon'agnodry manga raho, naho lahilahy
raike mahay magnamboatre reo karazan-ketae voasokitre iaby. Hiarake amireo lahilahy manam-pahaia ze
miarake amiko agne Joda vaho Jerosalema re, ze natolo Davida raeko.[8]Andefaso sedera, Kypreso, naho hetae
almoga bakagne Libanona avao kea raho, satria haiko fa reo mpanompo nao le mahay ty fomba fanampaha
hetae agne Libanona. Ingo, reo mpanomponao, le hiarake amireo mpanomponao, [9]mba hagnoma hetae maro ho
ahy, satria ty tragno ze haoreko le ho bey maho mahisake. [10]Ingo, zaho hagnomea areo mpanpmonao, le reo
lahilhay ze hanampake ty hetae, vare tritike roe ale kea, vare hordea roe ale kora, divay roe ale bata, naho diloilo
roe ale bata."[11]Naho Hirama, mpanjaka Tyro, namale antsoratre, ze nalefane tagne amy Solomona hoe:" Satria
Yaveh tea ty ndatine, le nanao anao ho mpanjaka eo amiereo Re." [12]Fagnampe zay, Hirama nanao ty hoe:" Isaora
anie Yaveh, ty Zagnahare Israely, ze nanao ty lagnitre vaho ty tane, ze nagnomea anadahy mare i Davida
mpanjaka, natolotre tamim-piambena vaho hilala, ze hagnore tragno ho ahy Yaveh, naho tragno ho ahy ty
fanjakane.[13]Naho nagnirake Lahilahy manam-pahaia raho, nanolotra tamity hilala, le Horama, ty matehaneko.
[14]Anadahy ty ampela raike ty anakampela Dana re. Lahilahy bakagne Tyro ro raene. Manampahaia amity asa
volamena, volafoty, varahy, vy, vato, vaho amity hetae, vaho amity volomparasy, manga, naho jaky
volon'agnondry, vaho rongone foty kele re. Manampahaia amity karaza sokitre vaho karaza famisavisa avao kea
re. Ao hisy toera ho aze eoamireo mpiasanao manam-pahaia, vaho miarake amireo ahy ty tompoko, le i Davida,
raenao.[15]Ka amizao, ty vare vaho ty vare hordea, ty diloilo vaho ty divay, ze rineha ty tompoko, le ao ho alefane
agne amireo mpanompone. [16]Handily hetae bakagne Libanona zahay, maro arake ze paienao. Halefanay mihafo
amity riake ho agne Jopa agne aminao zay, naho riha ro hagnankatre zay agne Jerosalema." [17]Nagnisake reo
vahiny iaby ze tao amity tane Israely ty Solomona, arake ty fomba nagnisaha Davida, raene, iereo. 153,600 ro isa
iereo. [18]Nanendre fito ale tamireo re mba hinday enta, valo ale mba ho ho mpanam-pa ketae agne ambohitse,
naho mpagnori-maso 3.600 mba hampiasa ty vahoake.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Bakeo Solomona nanomboke nananga ty tragno Yaveh tao Jerosalema tagne amity vohitse Moria, ze nisehoa
Yaveh tamy Davida raene, Nagnoma ty toera ze le fa finily Davida ho amizay re, tao amity famoloa Ornana ty
Jebosita. [2]Nanomboke nagnamboatre tamity andro faharoe ty vola faharoe re, tamity fahefa-tao nanjakane. [3]Toa
iaby ty halava ty fototre ze natao Solomona ho ahy ty tragnon'Agnahare. Nampiasa ty metatre taloha, enem-polo
metatre ty lavane, naho roapolo metatre ty borine.[4]Roaplo metatre ty halava ty lavaranga eo agnoloa ty tragno,
mifagnarake amity bory ty tragno. Roapolo metatre avao kea ty haabone, naho pinote Solomona takelam-
bolamena malio ty tao agnatene. [5]Rinavane kypreso ty valen-driha ty efetragno bey, ze pinetane takelam-bolane
soa, naho nagnanovane sokitre tamity hetae palma vaho rojo.[6]Rinavane tamity vato lafo-vily ty tragno; ty
takelam-bolamena le volamena bakagne Parvaima. [7]Pinetane takelam-bolamena avao kea reo ambene, reo
tokonam-baravara, rindry, naho reo varavara; nasiane sare Kerobima teo amireo rindry zay.[8]Nagnamboatre ty
fitoboha masy vatane re. Ty halavane le mifagnarake amity bory ty tragno, roapolo metatre avao kea ty borine.
Pinetane takelam-bolamena malio zay, ze talenta enen-jato. [9]Ty lanja reo fantiby le sekele volamena dimam-polo.
Pinetane takelam-bolamena ty faritre ambone.[10]Nagnamboatre sare Kerobima roe tao amity fitoboha masy
vatane re; pinetane ty mpanao asa-tagna takelam-bolamena reo. [11]Roapolo metatre ty halava ty ela reo Kerobima
miarake; dime metatre ty halava ty ela ty kerobima raike, mahatakatre ty rindry ty efetragno; dime metatre
manahake zay avao kea ty ela ty raike hafa, manakatre ty ela ty Kerobima hafa. [12]Lime metatre avao kea ty
halava ty ela ty kerobima hafa , magnorike ty rindry ty efetragno; lime metatre avao kea ty elane hafa, mikasike
ty ela ty Kerobima voalohane.[13]Roa-polo metatre ty fiharoa ty ela reo Kerobima reo. Nitsanga reo Kerobima, ty
tarehe iereo manandrife efetragno bey. [14]Nataone tamity manga, volomparasy, vaho volon'agnondry mena naho
rongone foty malineke ty lamba, naho nihaminene kerobima teo amizay. [15]Nanao ambe roe avao kea Solomona,
telopolo metatre ty haabo ty kirai-kiraike, teo agnoloa ty tragno; lime metatre ty haabo reo. [16]Nanao taly ho ahy
reo ambe re naho nametrake reo teo ambone reo; nanao ampongambeidagnitse zato avao kea re naho nanohy
reo tamireo taly. [17]Nataone teo agnoloa ty tempoly reo ambe, raike teo ankavana, naho ty raike hafa teo an-kavia;
kinaine hoe Jakina ty ambe teo ankavana, naho Boaza ty ambe ankavia.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 4

[1]Hafa zay le nagnamboatre alitara varahy re, roapolo metatre ty halavane, naho roapolo metatre ty borine. Folo
metatre ty haabone. [2]Nataone vy avao kea ty magnodidy ty taven-drano, folo metatre ty sognine. Lime metatre ty
haabone, naho telopolo metatre ty magnodidy ty taven-drano . [3]Ty ambane ty sogny ty taven-drano magnodidy le
nisy agnombelahy, folo isake ty metatre, naharo ho raike miarake amity taven-drano laha fa vita ty taven-drano.
[4]Natoboke teo ambone ty agnombe roe amby folo ty taven-drano, ty telo mitolike magnavaratre, ty telo mitolike
makan-drefa, ty telo mitolike magnantimo, naho ty telo mitolike manignana. Natoboke teo ambone reo ty taven-
drano, naho nifagnila ty zoro efatriereo. [5]Mateve manahake ty vodivoan-tagna ty taven-drano, naho ty sognine le
voatefe manahake ty sogny kapoake, manahake ty vogne ty lilia. [6]Mahalany rano telo arivo bata ty taven-drano.
Nagnamboatre koveta folo bey ho fanasa raraha avao kea re; nasiane lime teo ankavana, naho lime teo ankavia;
zaka-ampiasae amity fandefea ty fagnatetre oroa ro sinasa teo amireo. Ty taven-drano kea, mba hisasa reo
mpisoro.[7]Nagnamboatre reo fitobohan-jiro volamena folo ze natao arake reo roro-lala ho ahy ty sare re; natobone
tao antempoly reo, lime teo amity ankavana, naho lime teo amity ankavia. [8]Nagnamboatre latabatre folo re ka
natobone tao antempoly reo, lime teo amity ankavana, naho lime teo amity ankavia. Nagnamboatre koveta
volamena zato re.[9]Fagnampe zay le nagnamboatre kianja ty mpisoro vaho kianja bey, naho varavara ty kianja re;
pinetane varahy reo varavara reo. [10]Natobone teo amity ilane ankavana ty tragno, tagne antignana, mitolike
magnantimo ty taven-drano.[11]Nagnamboatre velagne, lapele fandraofa, naho finga fagniligna ty Hirama. Ka le
vita Hirama ty asa re nataone ho ahy Solomona Mpanjaka tao antragnon'Agnahare: [12]le reo ambe roe, kapitaly
fohe zay teo ambone ty ambe roe, naho fitoboha ty hengone makarakara roe mba hanakona reo kapitaly fohe roe
zay teo ambone reo ambe. [13]Le fa nagnamboatre ampongambeidagnitse efa-jato ho ahy reo hengone makarakara
re: ampongambeidagnitse roe isake ty fitoboha ty makarakara iaby mba hanakona ty kapitaly fohe roe ze teo
amireo ambe.[14]Nagnamboatre tsangana vaho koveta natao teo ambone ty tsangana avao kea re; [15]taven-drano
raike vaho agnombe roe amby folo eo ambanene, [16]reo velagne, lapele fandraofa, fitrebeke, naho zaka hafa iaby
avao kea. Natao Hirama ty andrarangy tamity varahy voalio, ho ahy Solomona Mpanjaka, ho ahy ty tragno Yaveh
reo.[17]Nagnia ty mpanjaka teo amity gebo ty Jordana reo, teo amity tanemanga agnivo Sokota vaho Zaretana. [18]Le
hoe zay, ro nagnamboara Solomona reo fanake iaby maro bey reo; tsy afake nihaie vatane ty lanja ty varahy.
[19]Nagnamboatre ty fanake iaby ze tao antragnon'Agnahare ty Solomona, ty alitara volamena avao kea, naho reo
latabatre ze nametraha ty mofo ty fiatrefa; [20]ty fitoeran-jiro amity jiro reo, ze voatoka horoa eo agnoloa ty efetre
agnatene__reo le vita tamity volamena malio; [21]naho reo folera, reo jiro, naho ty lelan-jiro, le volamena, volamena
malio. [22]Ty fanam-pahan-jiro, ty koveta, ty sotro, naho liten-ketae magnitre faoro avao kea le vita tamity
volamena malio iaby. Ty amity filira mbaeo antragno, reo varavara agnatene mbaeo amity toera masy vatane
naho ty varavara ty tragno, zay, ahy ty tempoly, le vita tamity volamena.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 5

1 Laha fa vita ty asa iaby ze natao Solomona ho ahy ty tragno Yaveh, le nampilire Solomona reo zaka ze le fa
natoka Davida, raene, ho ahy ze fagniria zay, agnate zay ty volafoty, ty volamena, naho reo fanake
iaby__natobone tao amity famoria tao antragnon'Agnahare reo. 2 Le namory ty Solomona, tagne Jerosalema, reo
olobey Israely, reo mpitarike ty foko iaby, naho reo mpitarike ty foko ty vahoake Israely, mba hagnakatre ty
tomabile fagnenkea Yaveh bakao amity tana Davida, zay i Ziona. 3 Nivory teo agnoloa ty mpanjaka tamity andro
fifalea, ze tamity volam-pahafito ty ndaty Isarely iaby. 4 Avy ty olobey Israely iaby, ka le nagnakatre ty tomabile reo
Levita. 5 Nakare iereo ty tomabile, ty tragno lay fivoria, naho ty fanake masy iaby ze tao antragno. Reo mpisoro ze
bakamity foko Levy ro nagnakatre reo zaka reo. 6 Niara-avy teo agnoloa ty tomabile ty Solomona Mpanjaka vaho
ty fiangona Israely iaby, nanao soro agnondry vaho agnombe ze tsy hay isahe. 7 Reo mpisoro le nagnakatre ty
tomabile ty fagnenkea Yaveh ho ao amity fitobohane, tao amity efetre agnate ty tragno, tao amity toera msay
vatane, amireo ela ty kerobima. 8 Satria ty kerobima le namelatre ty ela iereo eo amity fitoboha ty tomabile, ka
nanako ty tomabile vaho reo bao ze hitarazoa zay reo. 9 Reo bao le lava vatane ke le hisake bakao amity fitoerane
masy agnoloa ty efetre agnatene reo afarane, feie tsy hisake bakagne ambalike zay. Ao Zisikandroany reo. 10 Tsy
nisy na ino ino tao amity tomabile laha-tsy reo vato pisake roe ze natobo Mosesy tao tagne Horeba, tamy Yaveh
nanao fagnenkea tamity vahoake Israely, laha fa niakatre i Egypta iereo. 11 Naho niakatre tao amity fitoboha masy
reo mpisoro. Reo mpisoro niavy iaby le nanonka-bata ho ahy Yaveh, tsy nandaha-bata arake ty zatse iereo. 12 Reo
Levita ze mpiantsa avao kea, re iaby, agnate zay Asafa, Hemana, Jedotona, naho reo anadahy vaho rahalahy
iereo, niakanjo rongone foty malineke naho nitendre kipantso, harpa, vaho lokanga, le nitsanga teo amity farane
antignana ty alitara. Nisy mpisoro 120 nitioke trompetra niarake tamiereo. 13 Naho nampiara-peo reo mpitioke
trompetra vaho reo mpiantsa, nanao feo toka mba ho rey ho antsa vaho fisaora Yaveh. Nagnakatre ty feone
tamity trompetra vaho kipantso naho zaka-magneno hafa iereo, ka niantsa Yaveh. Niantsa iereo hoe:" Fa soa Re,
satria maharetre zisikezay ty tsy fivaliham-pagnenkeane." Naho ty tragno, ty tragno Yaveh, le feno raho. 14 Tsy
afake nitsanga mba hanompo reo mpisoro noho ty raho, satria nameno ty tragno ty hasy Yaveh.

Chapter 6

1Le hoe Solomona hoe:" Natalily Yaveh fa hitoboke ao agnate iem-pito Re, 2Kanefa le fa nagnore tragno soa vatane
ho anao raho, le toera hitobohanao zisikezay." 3Le niotake ty mpanjaka naho nitso-drano ty fiangona Irsaely iaby,
laha mboe teo am-pitsangana ty fiangona Israely iaby.4Hoe re hoe:" Ho antsae anie Yaveh, ty Zagnahare Israely, ze
nirehake tamy Davida raeko, naho nandefe zay tamity tagnane avao, nanao hoe: 5' Hatramity andro nindaisako ty
vahoakeko niakatre bakao amity tane Egypta, le tsy nifily tana teo amity foko Israely iaby mba hagnoregna
tragno raho, mba hitoboha ty agnarako ao. Naho tsy mba nifily ndaty ho roandrian-dahy eo amy Israely ndatiko
raho. 6Kanefa, nifily i Jerosalema raho, mba hitoboha ty agnarako ao, naho nifily i Davida raho mba handily eo
amy Israely ndatiko.'7Naho tao am-po Davida raeko ty hagnore tragno ahy ty agnara Yaveh, ty Zagnahare Israely.
8Fa hoe Yaveh tamy Davida raeko hoe:' Fa nataonao tao am-ponao ty hagnore tragno ho ahy ty agnarako, le soa ty
nagnanaova zay tao amponao. 9Na zay aza, le ao tsy hagnore ty tragno riha; fa kea, ty anadahinao, ze ho terake
bakamity voanao, ro hagnore ty tragno ho ahy ty agnarako.'10Linefe Yaveh ty rehake ze le fa nirehafene, satria
nitsanga hisolo ty toera Davida raeko raho, ka mitoboke eo amity sezan-droandria Israely, arake ty
nampagnantegna Yaveh. Naoreko ho ahy ty agnara Yaveh, ty Zagnahare Israely ty tragno. 11Natoboko tao ty
tomabile, ze misy ty fagnenkea Yaveh, ze nataone tamity vahoake Israely."12Nitsanga teo agnoloa ty alitara Yaveh
ty Solomona teo amity fiatrehane ty fiangona Israely iaby, naho namelatre ty tagnane. 13Fa nagnamboatre raraha
varahy re, ze dime metatre ty halavane, dime metatre ty velarane, naho telo metatre ty haabone. Natobone teo
agnivo ty kianja zay. Nitsanga teo ambone zay re naho nandohaleke teo agnoloa ty fiangona Israely iaby, naho
bakeo namelatre ty tagnane nimbaeo amity lagnitre re.14Hoe re ty hoe:" Ry Yaveh, Zagnahare ty Israely, tsy misy
Zagnahare manahake Anao na agne andagnitse na eto antane, te mita fagnenkea vaho hatea tsy mivalike amireo
mpanomponao ze mindeha eo agnoloanao amity arofone iaby, 15Riha ze la fa nita ze nampagnantegnaenao tamy
Davida raeko mpanomponao. Eka, nirehake tamity fitavanao Riha naho natao tamity tagnanao zay, zisikamity
androany.16Amizao are, ry Yaveh, Zagnahare Israely, anovo ze nampagnantegnaenao tamy Davida raeko
mpanomponao, laha fa nirehake Riha ty hoe:' Tsy ho foa aminao ty hana hasahira hitoboke eo amity sezan-
droandria Israely eo amasoko, laha ohatre ka miambe ty hindeha amity lalako ty fokonao, manahake ty
nindehananao teo agnoloako.' 17Amizao are, ry Zagnahare Israely, mivavake raho mba ho lefe ty fampagnantegna
nataonao tamy Davida mpanomponao.18Fa tena hitoboke etoy antane miarake amity anagn'Ondaty vatane vao
Zagnahare? Ingo, zao tontolo zao vaho ty lagnitre aza tsy antogno Anao__sandrake fa ty tempoly ze naoreko toy!
19Kanefa mba dranjigno rie ty vavake ty mpanomponao vaho ty hatane toy, ry Yaveh Zagnahareko; mba dranjigno
ty hatane vaho ty vavake atao ty mpanomponao eto agnoloanao. 20Enga anie ka hivoha amity tempoly toy andro
amanale ty masonao, le ty toera ze nampagnantegnaenao hignisia ty agnaranao. Hidranjy ty vavake atao ty
mpanomponao magnoloa ty toera toy anie Riha.21Ka dranjigno ty hatane ty mpanomponao vaho ty Israely
ndatinao laha fa mivavake magnoloa ty toera toy zahay. Eka, midranjigna bakagne amity toera hitobohanao,
bakagne andagnitse; naho laha fa midranjy Riha, le magnenga.22Laha manonta amity namane ty ndaty raike ka
tsy maintsy hampanove fifanta, naho laha avy re ka manao fifanta eo agnoloa ty alitaranao ato amity tragno toy,
23le midranjigna bakagne andagnitse ka miasa naho tsarao reo mpanomponao, mba hamale ty raty fagnahy, mba
hagnere ze nataone ho eo amity lohane avao. Ambarao ho tsy manan-tsiny ty mare, mba hamalea soa aze noho ty
hamareane.24Laha fa rese ty fahavalo ty Israely ndatinao satria nanonta taminao, ka laha mihere aminao iereo,
magnenke ty agnaranao, mivavake, naho mangatake famotora bakaminao ato amity tempoly toy__25le
midranjigna bakagne andagnitse rie naho mamotora ty hadisoa Israely ndatinao; ento mihere agne amity tane ze
nameanao iereo vaho ty razambeine iereo.26Laha mihily ty lagnitse ka tsy misy ora satria nanonta taminao ty
vahoake__laha mivavake magnoloa ty toera toy iereo, magnenke ty agnaranao, naho miala amity hadisoane laha
fa baka nampijalenao__27le midranjigna agne andagnitse naho mamotora ty hadisoa ty mpanomponao vaho ty
Israely ndatinao, laha fa magnanatre iereo ty lily soa ze tokone hombane riha. Mandatsaha ora eo amity tanenao,
ze nameanao ho lova ty ndatinao.28Laha atao hoe misy kere eo amity tane, na atao hoe misy arete-mandany,
hamaiha ty vare na mate foty, valala na sompanga; na atao hoe manafike ty vavahady ty tana ao amity tane iereo
ty fahavalone, na misy arete-mandany na farare__29naho laha atao ndraike hoe misy vavake vaho hatake natao ty
ndaty raike na ty Israely vahoakenao iaby__ze sambe mahay ty arete vaho ty alahelo agne ampone iaby laha
mamelatre ty tagnane ho amity tempoly toy re. 30Le midranjigna agne andagnitse, ty toera hitobohanao;
mamotora, naho valeo soa ty ndaty iaby noho ty lalane iaby; Riha mahay ty arofone, satria Riha le Riha avao ro
mahay ty arofo ty ndaty. 31Anovo zay mba hatahora iereo anao, mba hindehana iereo amity lalanao amity andro
iaby ivelogna iereo ao amity tane ze nameanao reo razambeinay.32Ty amireo vahiny ze tsy agnate Israely
ndatinao, feie__noho ty agnaranao bey, ty tagnanao mahere, naho ty sandrinao soa__le avy vaho mivavake

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

magnoloa ty tragno toy, [33]le midranjigna rie agne andagnitse, ze toera hitobohanao, naho anovo iaby ze angatahe
ty vahiny aminao, mba hahaia ty ndaty iaby eto antane ty agnaranao ka hatahora iereo Anao, arake ty atao
Israely ndatinao arere, naho mba hahafaha iereo fa ty tragno ze naoreko toy le kaihe amity agnaranao.[34]Laha
atao ty hoe mindeha miakatre hialy amity fahavalo iereo ty ndatinao, na ino ino fomba nandefasanao iereo, naho
laha mivavake aminao magnoloa ty tana ze voafilinao toy iereo, naho magnoloa ty tragno ze naoreko ho ahy ty
agnaranao. [35]Le midranjigna ty vavake, vaho ty hata iereo bakagne andagnitse, naho ameo rarene iereo.[36]Laha
atao hoe manonta aminao iereo__satria tsy misy ndaty tsy manonta__naho laha atao hoe meloke amiereo Riha ka
manolotre iereo ho eo amity fahavalo, mba hindaisa ty fahavalo iereo vaho hangala iereo ho azo agne amity tane
iereo, na lavitre na marine. [37]Naho laha atao hoe tiaro iereo fa agne amity tane ze nagnanoa sese-tane aze iereo,
naho laha atao hoe mibebake iereo ka mipay saotre aminao agne amity tane nahazoa iereo. Laha mirehake iereo
hoe:' Nanao zaka tsy nimete zahay, naho nanonta. Raty entam-bata zahay.' [38]Laha atao hoe mihere aminao amity
arofone iaby vaho ty fagnahine iaby agne amity tane ty nahazoa iereo, ze nindaisane iereo ho azo, naho laha atao
hoe mivavake amity tanene iereo, le ze nameanao ho ahy ty razambey iereo, vaho manandrife ty tana ze
finilinao, naho manandrife ty tragno ze naoreko ho ahy ty agnaranao. [39]Le dranjigno bakagne andagnitse, ty toera
hitobohanao, ty vavake iereo vaho ty hata iereo famonjea, naho ameo ty rarene iereo. Mamotora ty ndatinao, ze
nanonta taminao. [40]Amizao, ry Zagnahareko, mangatake aminao raho, ao hivoha ty masonao, naho ao ty sofinao
hidranjy ty vavake ze atao eto amity toera toy. [41]Amizao naho mitsangana, ry Yaveh Zagnahare, eo amity toera
fitofanao, Riha vaho ty tomabile ty ozanao. Ao ty mpisoronao, ry Yaveh Zagnahare, mba hisiky famonjea, naho ao
reo ndaty-masinao hifale amity hasoanao. [42]Ry Yaveh Zagnahare, ko magnodike ty vata ty voahosonao hiala
aminao. Tiarovo reo asa ty tsy fivaliham-pagnenkeanao ho ahy Davida, mpanomponao."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 7

[1]Naho laha fa baka nivavake Solomona, le nisy afo nizotro bakagne andagnitse naho nandrava reo fagnatetre
oroa vaho reo soro, naho nameno ty tragno ty hasy Yaveh. [2]Tsy afake nilitre tao antragno Yaveh reo mpisoro,
satria heneke ty hasine ty tragnone. [3]Nanente iaby ty vahoake Israely laha fa nipoke ty afo naho teo amity tragno
ty hasy Yaveh. Nagnohoke ty vatane tamity tane teo amity rarevato iereo, nivavake, naho nagnomea fisaora
Yaveh. Hoe iereo hoe:" Fa soa Re, fa maharetre zisikezay ty fandeferane."[4]Ka nanolotre soro ho ahy Yaveh ty
mpanjaka vaho ty vahoake iaby. [5]Nanolotre soro agnombe roa arivo vaho roe ale vaho agnondry aman'ose
120.000 ty Solomona Mpanjaka. Ka nitokana ty mpanjaka vaho ty vahoake iaby ty tragno Yaveh. [6]Nitsanga reo
mpisoro, nitsanga tegne amize nanompoane iaby ty kirai-kiraike; reo Levita avao kea niarake tamireo zaka-
magneno Yaveh, ze natao Davida mpanjaka mba hagnomea fisaora Yaveh tao amity antsa manao hoe:" Fa
maharetre zisikezay ty fagnenkea ty matoky." Nampagneno ty trompetrane teo agnoloa iereo iaby reo mpisoro
iaby, naho nitsanga iaby ty Israely iaby.[7]Nanoka ty agnivo ty kianja teo agnoloa ty tragno Yaveh ty Solomona. Teo
ro nanolorane ty fagnatetre oroa vaho ty tave ty fagnate-pilongoa, satria ty alitara varahy ze nataone le tsy hay
hitana ty fagnatetre oroa, ty fagnatetre hohane, naho ty sabora.[8]Natao Solomona zisike ty hafitoa ty fifalea tamize
andro zay, naho ty Israely iaby niarake tamine, le fiangonam-bey vatane, zisikagne Lebo Hamata ka zisikagne
amity baibon-driake Egypta. [9]Tamity andro fahavalo le nanao fivavaha maresake iereo, satria nita ty fanokana ty
alitara, vaho ty fifalea zisike ty hafitoa iereo. [10]Tamity andro fahatelo amby roapolo ty vola fahafito, le nampoly ty
vahoake tagne amity tragnone tamin-kafalea vaho tamity arofo falefale ty Solomona noho ty hasoa ze natoro
Yaveh tamy Davida, Solomona, naho ty Israely ndatine.[11]Hoe zay ro nahavita Solomona ty tragno Yaveh vaho ty
tragnone arere. Ty zaka iaby ze bakamity arofo Solomona mba hatao ao antragno Yaveh vaho ao antragnone, le
linefene soa amantsara. [12]Niseho tamy Solomona Yaveh ty haleke naho nanao tamine hoe:" Le fa reiko ty
vavakenao, naho le fa nifily ty toera toy ho ahy ty vatako ho tragno ty soro Raho.[13]Laha atao ty hoe magnily reo
lagnitse mba tsy hisia ty ora Raho, na laha magnily reo valala handany ty tane, na laha manefa arete eo amity
ndatiko Raho, [14]naho laha ndatiko, ze atao amity agnarako, ro hagnetre ty vatane, vaho hivavake, vaho hipay ty
tareheko, naho hiala amity fomba ratine iereo, le haharey agne andagnitse raho, hamototre ty hadisoa iereo,
naho hagnafake ty tanene. [15]Amizao le hivoha ty masoko naho ty sofiko hidranjy soa reo vavake ze atao eto amity
toera toy.[16]Fa amizao le nifily vaho nanoka ty tragno toy raho mba ho eo zisikezay ty agnarako. Ty masoko vaho ty
arofoko le ho eo isan'andro. [17]Laha ty aminao, laha mindeha eo agnoloako manahake ty nindeha Davida raenao
riha, magnenke iaby ze nandiliako anao aho miambe reo lily aman-dalako, [18]le hametrake ty sezan-droandria ty
fanjakanao raho, arake ty nirehafeko tao amity fagnenkea raike tamy Davida raenao, laha fa nirehake Raho ty
hoe:' Tsy ho foa amity fokonao ty ho mpandily eo amy Israely.'[19]Fa laha mivalike riha, ka mahafoe reo lalako vaho
reo liliko ze natoboke teo agnoloanao, naho laha manompo zagnahare-hafa vaho mihohoke eo amierey riha, [20]le
ho ravaeko hiala amity taneko ze nameako iereo reigne. Ty tragno ze natokako ho amity agnarako toy, le hariako
tsy ho eto agnoloako, naho hataoko ho ohabola vaho somonga eo amireo ndaty iaby zay. [21]Na le fa soa tarehe
vatane aza ty tempoly toy zao, le ho tohy vaho hisioke iereo iaby manavantsava zay. Hagnontane iereo hoe:'
Nagnino Yaveh ro nanao zao tamity tane toy vaho tamity tragno toy?' [22]Ty hafa namale hoe:' Satria iereo nahafoe
Yaveh, Zagnahare iereo, ze ninday ty razambey iereo hiala bakamity tane Egypta, naho hita reo zagnahare-hafa
vaho nihohoke tamiereo vaho nanompo iereo. Zay ro antone nindaisa Yaveh ze loza iaby zao eo amiereo."'


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 8

1 Tamy afake ty roa-polo tao, zisike ty nagnamboara Solomona ty tragno Yaveh vaho ty tragnone arere, 2 Le
namboare Solomona ndarike reo tana ze namea Hirama aze, naho natobone tao ty vahoake Israely. 3 Nanafike i
Hamata-zoba ty Solomona naho nandrese zay. 4 Naho re nananga i Tadmora tagne agnefetre, vaho reo tana
famoria iaby, ze naorene tao Hamata. 5 Nananga i Beti-horona Ambone, vaho Beti-horona Ambane, tana voa aro
amity manda, baho vavahady, naho fefe vy avao kea re. 6 Nananga i Baleta vaho reo tana famoria iaby ze
nanagnane re, vaho ty tana iaby ho ahy reo kalesene vaho ty tana ho ahy reo mpitiki-tsoavalene, vaho iaby ze
niriene hatsanga arake ze teane tao Jerosalema, tao Libanona, vaho tao amireo tane iaby ambane fehene. 7 Naho
reo ndaty iaby ze sisa tavela bakamity Hetita, ty Amorita, ty Perizita, ty Hivita, vaho ty Jebosita, ze tsy ahy Israely,
8 reo fokone sisa tavela tafara iereo tagne amity tane, ze tsy rinava ty vahoake Israely__le natao Solomona mpiasa
an-tseresere, zay iereo zisikezao. 9 Na zay aza, tsy natao Solomona ho mpiasa an-tseresere ty vahoake Israely. Fa
kea, lasa miaramilane, vaho mpifehene, manam-pahefane, naho mpifehe ty tafike ty kalesene vaho ty mpitiki-
tsoavalene iereo. 10 Reo avao kea ro manam-pahefa bey mpamoteke reo mpagnorimaso ze ahy Solomona
Mpanjaka, 250 tamiereo, ro nagnaramaso ty vahoake ze nanao ty asa. 11 Niente Solomona niakatre ty tana Davida
ho agne amity tragno ze namboarene ho aze ty akampela Farao, fa hoe re hoe:" Tsy mahazo mitoboke ao
antragno Davida mpanjaka Israely ty valiko, satria na ia ia nihavia ty tomabile Yaveh le masy." 12 Bakeo Solomona
nanolotre fagnatetre oroa ho ahy Yaveh teo amity alitarane ze naorene teo agnoloa ty lavaranga. 13 Nanolotre soro
arake ze tinake ty fatao isan'andro re; nanolotre reo re, nagnorike reo torolala hisake tagnate ty lily Mosesy,
tamity andro Sabata, ty vola vaovao, vaho tamity andro fifalea voamare in-telo isan-tao: le ty andro fifalea amity
Mofo tsy misy masirasira, ty Heregnandro Fifalea, naho ty andro fifalea ty fialofa. 14 Tamim-piambena reo lily
Davida raene, ro nanondroa Solomona reo mpisoro ho amity asane, naho reo Levita ho amity fitobohane, mba
hiantsa an'Agnahare vaho hanompo eo agnoloa reo mpisoro, arake ze take ty fatao isan'andro. Naho nanendre
reo mpiambe vavahady tamity fizarane isake ty vavahady iaby avao kea re, fa zay ro le fa nandilia Davida ty
lahilahin'Agnahare. 15 Naho reo vahoake reo le tsy mba nivio tamireo lily ty mpanjaka tamireo mpisoro vaho reo
Levita na tamitino ino, na mikasike reo tragno famoria. 16 Reo asa iaby nampanove Solomona le vita iaby,
hatramity andro nagnoregna ty fagnambane ty tragno Yaveh ka zisike ty nivita zay. Vita ty tragno Yaveh. 17 Bakeo
Solomona nimbaeo Ezion-gebera vaho Elota, tegne amoron-driake ty tane Edoma. 18 Naho nandefasa Hirama
sambo niente reo manan-kasy ze tantsambo nana fahaia re. Niantsambo niarake tamireo mpanompo Solomona
ho agne Ofira iereo. Nangalake talenta volamena 450 bakagne iereo ze nientene tagne amy Solomona Mpanjaka.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 9

1Laha fa naharey ty laza Solomona ty mpanjaka vave Sheba, le nimbaeo Jerosalema re mba hitsapa aze amity
ontane sarotre,. Nindeha niarake tamity mpanao rodobey lava, vaho rameva nampindese zaka-magnitre,
volamena lako, naho vatosoa lafovily lako re. Laha fa niavy tagne amy Solomona re, le nambarane tamine iaby ze
tao ampone. 2Vinale Solomona iaby reo ontanene iaby; tsy le nisy sarotre loatre tamy Solomona; tsy nisy ontane
ze tsy vinalene.3Laha fa hisa ty mpanjaka vave Sheba ty hamarea Solomona vaho ty lampa ze le fa naorene, 4ty
sakafo teo ambone latabane, ty tobo reo mpanompone, ty asa reo mpanompone naho ty siky iereo, reo mpinday
kapoakene vaho sikine avao kea, naho ty fomba ze nanolorane ty fagnatetre oroa tao antragno Yaveh, le tsy nisy
fagnahy sase tao amine.5Le hoe re tamity mpanjaka hoe:" Mare vatane, ty talily ze reiko tagne amity taneko
momba reo rehanao vaho ty hamareanao. 6Tsy nino ze reiko raho zisike ty niaviako eto, naho amizao le hisa ty
masoko zay. Tsy antsane kea ro nirehafe tamiko momba ty hamareanao vaho ty hareanao! Nihoaranao ty laza ze
reiko.7Hehe sambatre ty vahoakenao, naho sambatre reo mpanomponao ze le fa teo agnoloanao avao, satria
maharey ty hamareanao iereo. 8Isaora anie Yaveh Zagnaharenao, ze fale nandrae anao, ze nanao anao teo amity
sezan-droandriane, mba ho mpanjaka ho ahy Yaveh Zagnaharenao. Satria ty Zagnaharenao le fa nitea Israely,
mba hametraha iereo zisikezay, le nataone ho mpanjaka teo amiereo riha, mba hanova ty rarene vaho
fahitia!"9Nameane talenta volamena 120 ty mpanjaka naho zaka-magnitre vaho vato lafovily lako. Tsy nisy
fatran-jaka magnitre lako noho reo ze namea ty mpanjaka vave Sheba hoahy Solomona Mpanjaka mboe namea
ho aze ndraike.10Reo mpanompo Hirama vaho reo mpanompo Solomona, ze ninday volamena bakagne Ofira, le
ninday hetae almoga vaho vato lafovily avao kea. 11Tamity hetae almoga, le nanao ho ahy ty tragnon'Agnahare
vaho ty tragnone ty mpanjaka, naho kea harpa vaho lokanga ho ahy reo mpitendre. Tsy mboe nisy hetae hoe zay
ka hisake tagne amity tane Joda tagne aloha. 12Le namea Solomona Mpanjaka reo zaka ze niriene ty mpanjaka
vave Sheba, na ino ino nangatahene, ho fagnampe zay le fa nientene tamity mpanjaka. Ka le lasa re naho nihere
tagne amity tanene, re vaho reo mpanompone.13NAho ty lanjam-bolamena niavy tagne amy Solomona tao agnate
ty herentao le talenta volamena 666, 14hafa ty volamena ze niente reo mpindehandeha vaho reo mpandranto. Reo
mpanjaka Arabia iaby vaho reo governora tao amity firene avao kea le ninday volamena vaho volafoty ho ahy
Solomona.15Nagnamboatre apinga volamena voamare bey roanjato ty Solomona Mpanjaka. Sekele volamena
enenjato namea hoahy ty kirai-kiraike. 16Nagnamboatre apinga volamena voamare telonjato avao kea re. Mina
volamena telo ro nanarogna ty apinga kirai-kiraike; natobo ty mpanjaka tao amity lampa ty Ala Libanona reo.
17Bakeo ty mpanjaka nagnamboatre sezan-droandria ivo bey naho pinetane takelam-bolamena vatane manify
vatane zay. 18Zaka ene ro nimbaeo amity sezan-droandria, naho boribory ty tao afara ty ambone ty sezan-
droandria. Nisy fitana teo amity andanene ty fitoboha kirai-kiraike, naho nisy liona roe nitsanga teo amireo
andanene fisy tagna.19Liona roe amby folo ro nitsanga teo amireo dinga, raike isake ty andenene isake ty dinga
ene. Tsy mboe nisy sezan-droandria hoe ty tane amity fanjaka hafa. 20Volamena iaby reo kapoake finoma
Solomona Mpanjaka, naho ty kapoake finoma iaby tao amity tragno ty Ala Libanona le volamena tsy miharo iaby.
Tsy nisy volafoty satria tsy nihevere ho lafovily ty volafoty tamity andro Solomona. 21Ty mpanjaka le nana sambo
mpindeha andriake, niarake tamireo sambo Hirama. Indraike isan-telo-tao ro nindaisa ty sambo volamena,
volafoty, naho ivoara, amity rajako vaho gidro.22Laha zao le nihoatre reo mpanjaka iaby era zao tontolo zao
tamity harea vaho hamarea ty Solomona Mpanjaka. 23Zao tontolo zao le nipay ty fiatreha Solomona mba haharey
ty hamareane, ze le fa nataon'Agnahare tao am-pone. 24Reo ze nitilike le ninday raketre, fanake volafoty vaho
volamena, siky, fiaro, naho zaka-magnitre, naho soavale vaho ampondra, isan-tao.25Nana fihinanam-bilo efatre
arivo ho ahy reo soavale vaho reo kalese ty Solomona, naho mpitiki-tsoavale roe-arivo vaho ray ale, ze natobene
tao amity tana ty kalese vaho niarake tamine tagne Jerosalema. 26Nanampake teo amireo mpanjaka iaby
zisikagne amity rano Eofrata ka zisikagne amity tane ty Filistina re, naho zisikagne amity sisin-tane Egypta.
27Nana volafoty tagne Jerosalema ty mpanjaka, maro noho reo vatosoa tagne amity tane. Nagnamboatre hetae
sedera maro noho reo hetae amontana aviavy ze tao amity tane gebo re. 28Ninday soavale ho ahy Solomona
bakagne Egypta vaho bakagne amity tane iaby iereo. 29Ty amireo raraha hafa mikasike Solomona, voalohane sady
farane, tsy le fa voasoratre tao amity tantara Natana mpaminane, tao amity faminania Ahija Silonita, vaho tao
amity fahitan'Ido mpahisake mikasike i Jeroboama anadahy Nebata vao zay? 30Nanjaka teo amy Israely iaby
zisike ty efapolo tao ty Solomona. 31Nimate niarake tamireo razambeine re naho ty vahoake nandeve aze tagne
amity tana Davida raene. Rehoboama, anadahine, ro lasa mpanjaka nisolo ty toerane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Nimbaeo Sekema ty Rehoboama, satria niavy tagne Sekema mba hanao aze ho mpanjaka ty Israely iaby. [2]Naho
rey Jeroboama anadahy Nebata zay (satria tagne Egypta re, tagne amize le fa nilaisane hiala teo amity fagnatreha
Solomona Mpanjaka, nefa lefa nihere bakagne Egypta ty Jeroboama).[3]Ka nandefa vaho nampikaike aze iereo,
naho niavy Jeroboama vaho ty Israely iaby; niarake tamy Rehoboama iereo ka nanao ty hoe: [4]"Nagnasarotre ty
ziogane ty raenao. Ka amizao, hamorao ty asa mafe ty raenao. naho hamaivagno ty zioga mavesatre ze natobone
teto aminay, le hanompo anao zahay." [5]Hoe Rehoboama tamiereo hoe:" Miheregna amiko eto afake telo andro."
Ka le lasa reo vahoake.[6]Nangalake hevetre tagne amireo raoke ze nitsanga teo agnoloa Solomona raene tamy
fahavelo i Rehoboama mpanjaka; hoe re hoe:" Nagnino ro hanoroanareo hevetre ahy mba hindaisako valen-
drehake eo amireo vahoake reo?" [7]Nirehake tamiereo ka nanao ty hoe:" Laha soa amireo vahoake reo riha naho
teane reo, naho mirehake soa amiereo, le ho mpanomponao zisikagne iereo."[8]Kanefa tsy nahoa Rehoboama ty
torohevetre ze namea reo raoke aze, naho nangalake hevetre tagne amireo ajalahy ze niraike-bey tamine re, ze
nitsanga teo agnoloane. [9]Hoe re tamiereo hoe:" Ino ro torohevetre hameanareo ahy, mba hahafahantika mamale
ty vahoake ze nirehake tamiko ka nanao ty hoe:' Haivagno ty zioga ze natobo ty raenao taminay'?"[10]Reo ajalahy
niara-bey tamy Rehoboama nirehake tamine, nanao hoe:" Hoe zao ro tokone havalenao reo vahoake ze nirehake
taminao fa Solomona raenao le namesatre ty zioga iereo, ka tokone haivagnenao zay. Zao ro tokone ho rehafenao
amiereo:'Ty anakikiko le mateve noho ty andilan-draeko. [11]Ka amizao, na le nivesare ty raeko tamity zioga
mavesatre aza nareo, le mboe hagnampe ty zioganareo raho. Ty raeko nanaze anareo tamireo karavasy, fa zaho
hanazy anareo amireo maingoke."'[12]Ka le nindeha nimbaeo amy Rehoboama ty Jeroboama vaho ty vahoake iaby
tamity andro fahatelo, arake ty nirehafe ty mpanjaka hoe:" Mihereha amiko atoy amity andro fahatelo."
[13]Nirehake mafe iereo ty Rehoboama, tsy niraharaha ty torohevetrireo raoke. [14]Nirehake tamiereo arake ty
toroheve reo ajalahy re, nanao hoe:" Namesatre ty zioganareo ty raeko, fa zaho hagnampe zay. Ty raeko
nagnasazy anareo tamity karavasy, fa zaho hagnasazy anareo amity mengoke."[15]Laha zao le tsy nidranogne ty
mpanjaka ty vahoake, fa zay le fagnova tamireo zaka nienten'Agnahare, mba hahafaha Yaveh mandefe ty rehane
ze nirehafe Ahia Silonita tamy Jeroboama anadahy Nebata.[16]Laha fa hisa Israely iaby fa tsy nidranjy iereo ty
mpanjaka, le namale aze ty vahoake ka nanao ty hoe:" Ino ro anjaranay amy Davida? Tsy mana lova ao amity
anadahy Jese zahay! Ty kirai-kiraike aminareo le tokone hihere agne antragnone iaby, ry Israely. Naho henteo ty
tragnonao, ry Davida." Ka le nihere ho agne antragnone iaby ty Israely iaby. [17]Te laha ty amireo ndaty nitoboke
tagne amireo tana Joda, le Rehoboama ro nanjaka teo amiereo. [18]Naho rehoboama Mpanjaka nandefa i Adorama,
ze nandily teo amireo mpanao asa an-tseresere, nefa ty vahoake Israely nitora-bato aze ho mate. Naho nilay
malaky tamity kalesene ho agne Jerosalema ty Rehoboama mpanjaka. [19]Laha zao le tao agnate ty vande nandietre
ty foko Davida ty Israely zisikandroany.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 11

[1]Laha fa niavy tagne Jerosalema ty Rehoboama, le navorine ty foko Joda vaho Benjamina, lahilahy miaramila
voafily 180 000, mba hialy amy Israely, mba hagnere amity lalane ty fanjaka ho ahy Rehoboama.[2]Kanefa niavy
tamy Semaia ty lahilahin'Agnahare ty reha Yaveh, nanao hoe: [3]"Ambarao Rehoboama anadahy Solomona,
mpanjaka Joda, vaho ty Israely iaby agne Joda vaho Benjamina hoe: [4]'Zao ro safa Yaveh:" Ko manafike na mamoro
aly amireo rahalahinareo nareo. Ty ndaty iaby le tsy maintsy mihere agne amity tanane iaby, fa Zaho ro le fa
nananga zay."'Ka le nanenke ty safa Yaveh iereo ka nihere tsy ho amity fanafiha i Jeroboama.[5]Nitoboke tao
Jerosalema ty Rehoboama nananga tana tao Joda ho fiaro. [6]Nananga i Betlehema, Etama, Tekoa, [7]Beti-zoro, Soko,
Adolama, [8]Gata, Maresaha, Zifa, [9]Adoraima, Lakisy, Azeka, [10]Zora, Aialona, naho Hebrona re. Reo ro tana manda
tagne Joda vaho Benjamina.[11]Nagnamafe reo manda re ka nametrake mpifehe tao amireo, niarake tamity fisi-
hane, diloilo, naho divay. [12]Nametrake apinga vaho lefo tagne amity tana iaby re ka nagnamafe reo vatane. Ka le
lasane ty Joda vaho Benjamina.[13]Reo mpisoro vaho reo Levita ze tao amy Israely iaby le namonje aze iaby tao
amireo fari-tanene. [14]Fa reo Levita niala tamireo tane fihinanam-bilo vaho ty tragno vaho tane iereo mba
hindehana agne Joda vaho Jerosalema, satria le fa rinoa Jeroboama vaho reo anadahine iereo, mba tsy hahafaha
iereo manao reo adidy amity maha-mpisoro ho ahy Yaveh sase. [15]Jeroboama le nanendre mpisoro ho aze ho
amireo fitoboha agnabo vaho ose nahom saren-anak'ombe ze le fa namboarene.[16]Ty vahoke iaby tamireo foko
Israely iaby le niavy tafara iereo, reo ze nanefe ty arofone hipay Yaveh, ty Zagnahare Israely; niavy tao
Jerosalema iereo mba hanao soro ho ahy Yaveh, ty Zagnahare ty razambey iereo. [17]Ka le nihamafe iereo ty
fanjaka Joda naho nagnamafe Rehoboama anadahy Solomona zisike ty telo tao, ka nindeha tamity lala Davida
vaho Solomona zisike ty telo tao iereo.[18]Nangalake valy ho aze ty Rehoboama: le Mahalota, ty anakampela
Jerimota, anadahy Davida, vaho Abihaila, ty anakampela Eiaba, anadahy Jese. [19]Niterake anadahy tamine re: le
Jeosy, Semaria, naho Zahama.[20]Tafara i Mahalota, le nangalake i Maka, anakampela Absaloma, ty Rehoboama;
niterake i Abia, Atahy, Ziza, naho Selomita tamine re. [21]Rehoboama nitea i Maka, anakampela Absaloma, nihoatre
reo valine hafa vaho reo valitsindranone iaby (nangalake valy ampela valo amby folo vaho valitsindrano enem-
polo re, ka lasa rae ty anadahy valo amby roapolo vaho anakampela enem-polo).[22]Rehoboama nanendre Abia
anadahy Maka ho bey, mpitarike eo amireo rahalahine; le fa nanan-kevetre ty hanao aze ho mpanjaka re.
[23]Nandily tamim-pahamarea ty Rehoboama; nizara reo anadahine iaby nagnera ty tane Joda vaho Benjamina iaby
ho agne amity tana manda iaby re. Nagnomea sakafo bey ho ahy iereo avao kea re naho nipay valy maro bey ho
ahy iereo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 12

[1]Naho tamizay, laha fa tafitoboke ty fanjaka Rehoboama naho nihamafe re, le nahafoe ty lala Yaveh__vaho ty
Israely iaby niarake tamine re.[2]Nitranga zay tamity tao fahalime nanjaka Rehoboama mpanjaka, fa Sisaka,
mpanjaka Egypta, niakatre handietre i Jerosalema, satria namadike Yaveh ty vahoake. [3]Niavy niarake tamity
kalese roan-jato vaho arivo vaho mpitiki-tsoavale enegnale re. Miaramila tsy hay isahe ro niavy niarake tamine
bakagne Egypta: reo Lobita, Sokita, naho reo Etiopiana. [4]Nalaene reo tana vao aro mafe ze ahy Joda naho
nimbaeo Jerosalema.[5]Naho Semaia mpaminane niavy tagne amy Rehoboama vaho reo mpitarike Joda ze niarake-
nivory tao Jerosalema noho i Sisaka. Hoe Semaia tamiereo hoe:" Zao ro safagne Yaveh: Nareo le fa nahafoe ahy,
ka le fa natoloko ho eo antagna Sisaka avao kea nareo." [6]Le nanetre-bata reo zagnahare Israely vaho ty mpanjaka
naho nanao hoe:" Mare Yaveh."[7]Naho laha fa hisa Yaveh fa nanetre-bata iereo, le niavy tamy Semaia ty safa
Yaveh, nanao hoe:" Le fa nanetre-bata iereo. Tsy namoteke iereo Raho; fa hamonje iereo amity famoteha, naho
tsy hipoke eo amy Jerosalema amity alala ty tagna Sisaka ty heloko. [8]Na zay aza, le ho mpanompone iereo, mba
hahaia iereo hoe nagnino zay manompo Ahy vaho manompo reo mpinday reo firenen-kafa zay."[9]Naho Sisaka,
mpanjaka Egypta niakatre handietre i Jerosalema ka nangalake reo harea tao antragno Yaveh, vaho reo harea tao
antragno ty mpanjaka. Nalaene iaby ty zaka iaby; nientene avao kea reo apinga volamena ze natao Solomona.
[10]Nanao apinga varahy teo antoera reo Rehoboama Mpanjaka naho nagnanky reo teo antagna reo mpifehe ty
mpiambe, ze niambe reo varavara ty tragno ty mpanjaka.[11]Niseho zay isake ty nilitre tao antragno Yaveh ty
mpanjaka, ka ninday zay reo mpiambe; bakeo iereo ninday zay nihere tagne amity tragno fiambena. [12]Laha fa
nanetre-bata ty Rehoboama, le niala tamine ty helo Yaveh, mba tsy hamotehane aze vatane; hafa zay, mboe nisy
hasoa hisake avao tao amy Joda.[13]Naho Rehoboama Mpanjaka ninday here ho ahy ty fanjakane tao Jerosalema, le
hoe zay ro nanjakane. Raike amby efa-polo tao Rehoboama laha nanomboke nanjaka, naho nanjaka zisike ty fito
amby folo tao tamy Jerosalema, ty tana ze finily Yaveh tamity foko Israely iaby re mba hahafahane mametrake ty
agnarane ao. Ty agnaran-drenene le Nama, Amonita. [14]Nanao ty raty re, satria tsy nanefe ty arofone mba hipay
Yaveh. [15]Naho ty amireo zaka-faha mikasike Rehoboama, voalohane sady farane, feie vao reigne tsy le fa
voasoratre ao amity asa soratre Semaia mpaminane vaho Ido ty mpahisake, ze mana ty fitanan-tsoratre reo
tetihara avao kea naho reo aly lava teo amy Rehoboama vaho Jeroboama? [16]Nimate tagne amireo razambeine ty
Rehoboama naho naleve tao antana Davida; Abia anadahine ro lasa mpanjaka teo amity toerane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 13

[1]Tamity tao fahavalo nanjaka Jeroboama Mpanjaka, le nanomboke nanjaka teo amy Joda Abia. [2]Nandily zisike ty
telo tao tagne Jerosalema re; Maka ro agnaran-drenene, ty anakampela Oriela bakagne Gibea. Nisy aly teo amy
Abia vaho Jeroboama. [3]Abia nindeha nialy niarake tamity tafike mafe raike, le miaramila mahere fo, lahilahy
voafily 400 000. Naho Jeroboama nandahatre lahilahy voafily, mafe, miaramila mahere fo 800 000 hialy handietre
aze.[4]Nistanga teo ambohitse Zamaraima, ze tao amity tane tazoa Efraima ty Abia, naho nanao ty hoe:" Dranjigno
raho, ry Jeroboama vaho ry Israely iaby! [5]Tsy hainareo vao fa Yaveh, ty Zagnahare Israely, ro nagnomea Davida ty
fandilia teo amy Israely zisikezay, le ho azo vaho reo anadahine tamity fagnenkea arake ty lalane?[6]Nefa
Jeroboama anadahy Nebata, ty mpanompo Solomona anadahy Davida, le le fa nitsanga naho navande nandietre
ty tompone. [7]Reo lahilahy tsy soa, reo nama raty entam-bata, ro nikamba tamine. Niavy handietre i Rehoboama
anadahy Solomona iereo, tamy mboe kele vaho tsy nana fahaia naho tsy nahavita nandietre iereo ty Rehoboama.
[8]Amizao nareo mirehake fa mahalietre ty fitondra mahere Yaveh eo antagna reo foko Davida. Tafike bey nareo,
naho miarake aminareo reo anak'agnombe volamena ze natao Jeroboama ho zagnahare ho anareo. [9]Tsy le fa
nandroake reo mpisoro Yaveh, le reo foko Arona, vaho reo Levita vao nareo? Tsy le fa nanao mpisoro ho ahy ty
vatanareo tamity fomba reo vahoake ty tane hafa vao nareo? Na ia ia avy magnamasim-bata miarake amity
anak'agnombe vaho agnondrilahy fito le ho lasa mpisoro reo ze tsy zagnahare anie re.[10]Fa laha ty aminay, Yaveh
ro Zagnaharenay, naho tsy mboe nahafoe aze zahay. Mana mpisoro zahay, foko Arona, mpanompo Yaveh, vaho
reo Levita, ze amity asa iereo. [11]Isa-maray vaho isan-kariva le magnoro fagnatetre oroa vaho liten-ketae magnitse
ho ahy Yaveh iereo. Mandamy ty mofo ty fiatreha eo amity latabatre malio avao kea iereo; mikarakara ty fisy jiro
volamena amity jirone avao kea iereo mba harehetre isan-kariva. Miambe reo lily Yaveh, Zagnaharenay zahay,
nefa nareo nahafoe Aze.[12]Ingo, Zagnahare le miarake aminay eo agnoloanay, naho reo mpisorone le eto miarake
amity trompetra mba hampagnenoe fanaira ho anareo. Ry vahoake Israely, ko mialy amy Yaveh, ty Zagnahare ty
razambeinareo, fa tsy hosoa nareo."[13]Kanefa Jeroboama nagnoma fofoke tampoke tafara iereo; teo agnoloa Joda
ty tafine, naho tafara iereo ty otreke. [14]Laha fa nitolike ty Joda, le ingo, sady teo agnoloa iereo ro tao afarane ty aly.
Nitaray tamy Yaveh iereo, naho nitioke ty trompetra reo mpisoro. [15]Le nitifitre reo lahilahy Joda; laha igne nifitre
igne iereo, le namofoke Jeroboama vaho ty Israely iaby teo agnoloa Abia vaho Joda ty Zagnahare.[16]Nilay teo
agnoloa Joda ty vahoake Israely, naho natolon'Agnahare teo antagna Joda iereo. [17]Vinono Abia vaho ty tafine
tamity famonoam-bey iereo, ka lahilahy voafily 500 000 tamy Israely ro lavo ka mate. [18]Tamize fomba zay, ro
naharesea ty vahoake Israely tamize andro zay; naharese ty vahoake Joda satria nianky tamy Yaveh, ty
Zagnahare reo razambeine iereo. [19]Hinia Abia ty Jeroboama; nalaene tamine reo tana: le Betela niarake tamireo
ana-bohine, naho Efrona niarake tamireo ana-bohine. [20]Tsy nihamafe sase ty Jeroboama zisike ty andro Abia;
namofoke aze Yaveh, ka mate re. [21]Fa Abia kea nihamafe; nangalake valy efatre ambifolo re naho niterake roe
amby roapolo lahy vaho ene amby folo vave. [22]Ty sisa reo asa bey vita Abia, ty entam-batane vaho reo rehane le
voasoratre ao amity sora i Ido mpaminane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 14

[1]Nimate tagne amireo razambeine Abia, naho naleve iereo tao amity tana Davida re. [2]Asa, anadahine, Tamity
androne le nitsy zisike ty folo tao ty tane. Nanao ze soa vaho mare teo amaso Yaveh Zagnaharene ty Asa, [3]satria
nafahane reo alitara vahiny vaho reo fitoera agnabo. Rinavane reo ambem-bato naho tinampane reo
baon'Aseraha. [4]Nandily Joda re mba hipay Yaveh, ty Zagnahare ty razambey iereo, vaho handefe reo lily aman-
dala.[5]Nafahane avao kea reo fitoera agnabo vaho reo alitara ty liten-ketae magnitre bakamireo tana Joda iaby.
Nijano teo ambanene ty fanjaka. [6]Nananga tana manda tagne Joda re, satria nilamy ty tagne, naho tsy nisy aly re
tamireo tao reo, satria nagnomea fiadagna aze Yaveh.[7]Fa i Asa nanao tamy Joda hoe:" Ao tika hagnore reo tana
reo naho hagnisy manda magnodidy iereo, vaho tilikambo, vavahady, naho hiline lavalava; mboe antika ty tane
satria le fa nipay Yaveh Zagnaharentika tika. Le fa nipay aze tika, naho nagnomea filamina antika tamity lafine
iaby re." Ka le nagnore iereo naho nimete. [8]Nana tafike raike ze nita apinga vaho lefo ty Asa; bakamy Joda le nana
lahilahy 300 000 re, naho bakamy Benjamina, lahilahy 280 000 ze nita apinga vaho folese. Nimafe reo iaby reo,
lahilahy bey herem-po.[9]Naho Zera ty Etiopiana niavy nandietre iereo niarake tamity tafike miaramila ray-
tapetrisa vaho kalese telon-jato; niavy tagne Maresa re. [10]Le niakatre hanalaka aze ty Asa, naho nandamy ty
laharan'aly tagne ambaibo Zefata tagne Maresa iereo. [11]Nangatake tamy Yaveh Zagnaharene Asa, naho nanao
hoe:" Ry Yaveh, tsy misy laha tsy riha ro hagnampe ze tsy manan-kere laha fa miatreke zaka maro re. Ampeo
zahay, ry Yaveh Zagnaharenay, naho amity Agnaranao ro hiavianay handietre reo maro bey reo. Ry Yaveh, riha
ro Zagnaharenay; ko enga ho rese ty ndaty Riha."[12]Ka le namofoke reo Etiopiana teo agnoloa Asa vaho Joda
Yaveh; ka nilay reo Etiopiana. [13]Nagnia iereo zisikagne Jerara ty Asa vaho reo miaramila niarake tamine. Laha zao
le Etiopiana maro ro lavo ka tsy afake narova iereo, satria rava vatane teo agnoloa Yaveh vaho ty tafine iereo.
Ninday babo maro bey ty tafike. [14]Rinava ty tafike reo tana iaby nagnodidy i Jerara, satria niavy tamireo vahoake
ty horohoro Yaveh. Nalae ty tafike reo tana iaby, ka nisy babo maro tao amiereo. [15]Rinava reo tafike avao kea reo
fitoeran-tragno reo mpiambe mpifindra toera; ninday agnondry maro, vaho rameva iereo, naho bakeo nihere
tagne Jerosalema.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 15

[1]Niavy tamy Azaria anadahy Odeda ty fagnahin'Agnahare. [2]Niakatre hanalaka i Asa re naho nanao tamine hoe:"
Dranjigno raho, ry Asa, vaho Joda naho ty Benjamina iaby: momba anareo Yaveh, laha miarake amine nareo.
Laha mipay Aze nareo, le ho hisanareo Re; fa laha mahafoe Aze nareo, le hafoene.[3]Naho zisike ty andro
naharetre, le tsy nana ty Zagnahare mare ty Israely, tsy nana mpisoro nagnanatre, naho tsy nana ty liline. [4]Fa
laha fa nitolike tamy Yaveh, ty Zagnahare Israely iereo tamity androm-pijalea iereo, naho nipay Aze, le hisa iereo
re. [5]Tamize andro zay le tsy nisy fiadagna ho ahy ze nindeha lavitre; fa kea, koronta bey ro tamireo vahoake ty
tane iaby.[6]Potepoteke iereo, firene nandietre firene, naho tana nandietre tana, satria nampijalen'Agnahare
tamireo karaza fijalea iaby iereo. [7]Fa mahereza, naho ko enga haleme ty tagnanareo, fa ho valea soa ty
asanareo."[8]Laha fa rey Asa reo rehake, ty dine Odeda mpaminane, le nana herem-po re naho nagnafake reo zaka
raty hiala tamity tane Joda vaho Benjamina iaby, naho tamireo tana ze azone bakamity tane tazoa Efraima, naho
nagnere nagnamboatre ty alitara Yaveh re, ze teo agnoloa ty lavaranga ty tragno Yaveh. [9]Navory Joda vaho
Benjamina iaby, vaho reo ze nijano niarake tamiereo__ndaty bakamity Efraima vaho Manase, naho bakamity
Simeona. Fa maro isake iereo ro namonje aze iaby tagne Israely, laha fa hisa iereo fa niaro aze ty Yaveh
Zagnaharene.[10]Laha zao le niarake-nivory tao Jerosalema iereo tamity fahatelo ty vola, tamity faha-lime amby
folo tao nanjaka Asa. [11]Nanao soro ho ahy Yaveh tamity ilane tamireo azo ze niente iereo tamize andro zay
iereo:Agnombe fiton-jato vaho agnondry aman'ose fito arivo.[12]Nanao fifagnekea mba hipay Yaveh, ty Zagnahare
ty razambeine iereo, tamity arofo iereo iaby vaho tamity fagnahy iereo iaby. [13]Nagnenke iereo fa na ia ia nilietse
ty hipay Yaveh, ty Zagnahare Israely, le tokone vonoe ho mate, na kele na bey ty ndaty, na lahy na vave.[14]Nifanta
tamy Yaveh tamity feo agnabo, tamity korake, vaho tamity trompetra naho anjomara iereo. [15]Nifalefale tamity
fifanta tamity arofone iaby iereo, naho nipay mafe an'Agnahare, ka hisa iereo Re. Namea Yaveh fialia ty
magnodidy aze iaby reo.[16]Nafahane tsy ho mpanjaka vave avao kea Imaka, zazane, satria nanao saren-jaka raty
tamity baon'Aseraha re. Tinampa Asa ty saren-jaka raty, niliane ho deboke naho noroane teo amity baibon-driake
kidrona zay. [17]Kanefa reo fiteora agnabo tsy nafaha tao Israely. Na zay aza, feno fanolora-bata vatane ty arofo Asa
tamity agnondry iaby. [18]Nientene tao antragno Yaveh reo rarahan-draene vaho reo rarahane arere ze ahy Yaveh:
volafoty vaho reo zaka volamena. [19]Tsy nisy aly sase hatramity fahalime amby telo-polo tao nanjaka Asa.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 16

1 Tamity fahene amby telopolo tao nanjaka Asa, i Basa, mpanjaka Israely, le nanoro rehareha nandietre Joda naho
nananga i Rama, mba tsy hagnengane ania ia hiala na hilitre ao amity tane i Asa, mpanjaka Joda. 2 Le ninday ty
volafoty vaho volamena niakatre ty efetragno famoria tao amity tragno Yaveh vaho ty tragno ty mpanjaka ty Asa,
naho nandefa zay tagne amy Beni-hadada mpanjaka Syria, ze nitoboke tagne Damaskosy. Hoe re hoe: 3 "Ao hisy
fifagnenkea amiko eo vaho aminao, hoe ty nisia zay teo amity raeko vaho ty raenao. Ingo, nandefa volafoty vaho
volamena taminao raho. Ravao ty fifagnekea nao amy Basa, mpanjaka Israely, mba hahafahane magnenga ahy
arere." 4 Nidranjy i Asa Mpanjaka Beni-adada ka nandefa reo mpifehe ty tafine handietre reo tana Israely.
Nanafike i Iona, Dana, Abela-maima, naho reo tana famoria Naftaly iaby iereo. 5 Naho laha fa naharey zay ty Basa,
le najanone ty fanangana i Rama, naho nampidrano ty asane. 6 Naho nalae Asa Mpanjaka niarake tamine ty Joda
iaby. Niente iereo ty vato vaho reo hetae Rama ze nanangana Basa ty tana. Le nampiasae Asa nagnoregna i Geba
Mizpa ze zaka fanangana zay. 7 Tmize andro zay ty Hanany mpahisake nimbaeo amy Asa, mpanjaka i Joda, ka
nanao tamine hoe:" Satria riha nita tamity mpanjaka Syria, fa tsy nita tamy Yaveh Zagnaharenao, le nilay bakeo
antagnanao ty tafike ty mpanjaka Syria. 8 Feie vao reo Etiopiana vaho reo Lobita tsy tafike bey, miarake amity
kalese vaho mpitiki-tsoavale vatane lako? Kanefa, satria nita tamy Yaveh, le nagnomea anao ty faharesea teo
amiereo Re. 9 Fa ty maso Yaveh le mindeha egne iaby egne magnera ty tane iaby, mba hahafahane maneho ty
vatane ho mahere ho ahy reo ze mana fo soa magnoloa Aze. Fa nanao andala tamize zaka zay riha. Ka
manomboke eto, le hana aly riha." 10 Naho le meloke tamity mpahisake ty Asa; ginadrane re, satria meloke tamine
noho ze zaka zay re. Tamize andro zay avao, le nampijale ty ilane tamireo vahoake ty Asa. 11 Ingo, reo asa i Asa,
zisikamity voalohane hatramity farane, le ingo, le fa voasoratre ao amity boke reo mpanjaka Joda vaho Israely
reo. 12 Tamity fahasive amby telopolo tao nanjakane, le narare ty tombo Asa; nahere vatane ty aretene. Na zay aza
anefa, le tsy nipay fagnampea bakamy Yaveh re, fa tamireo mpitsabo avao. 13 Nimate tagne amireo razambeine ty
Asa; mate tamity faha raike amby efapolo tao nanjakane re. 14 Naleve iereo tao amity kibory avao re, ze hinaline
hoaze tao amity tana Davida. Nampiroroe iereo teo ambone fandrea feno imbo magnitre vaho karazan-draka-
magnitre nomane reo mpahay zaka-magnitre re. Naho nanao afo bey iereo mba ho hasy hoaze.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 17

[1]Josafata anadahy Asa le lasa mpanjaka nisolo aze. Nagnamafe ty vatane handietre Israely ty Josafata. [2]Nametrake
tafike tamireo tana mamda Joda iaby re, naho nametrake miaramila tagne amireo tane Joda vaho tagne amireo
tana Efraima, ze nalae Asa raene.[3]Niaro i Josafata Yaveh satria nindeha tamireo lala Davida raene voalohane re,
naho tsy nipay reo Bala. [4]Fa kea, natoky ty Zagnaharene ty raene re, naho nindeha tamireo liline, fa tsy mba
tamity entam-bata Israely.[5]Ka natobo Yaveh teo antagnane ty fanampaha; nagnomea hasy Josafata ty Joda iaby.
Nana harea vaho hasy bey re. [6]Ty arofone le natao ho ahy reo lily Yaveh. Nagnafake reo fitoboha agnabo vaho ty
baon'Aseraha tagne Joda avao kea re.[7]Tamity tao fahatelo nanjakane le nagnirake i Benaila, Obadia, Zakaria,
Netanela naho i Mikaia manam-pahefane re, mba hagnanatre agne amireo tana Joda. [8]Niarake tamiereo kea reo
Levita: le i Semaia, Netania, Zebadia, Asahela, Semiramota, Jonatana, Adonia, Tobia, naho Tob-adonia; naho
niarake tamiereo ty Elisama vaho Jorama mpisoro. [9]Nagnanatre tagne Joda iereo, naho nana ty boke ty lily Yaveh
niarake tamine. Nindeha nagnera ty tana Joda iaby iereo naho nagnanatre teo amity vahoake.[10]Niavy tamireo
fanjaka ty tane iaby ze nagnodidy Joda ty horohoro Yaveh, mba tsy hipaia iereo aly amy Josafata. [11]Ty Filistina
ilane ninday fagnomea ho ahy Josafata, vaho volafoty ho fagnomean-kasy. Reo Arabo kea le ninday agnondry
aman'ose ho aze, agnondrilahy 7 700 naho oselahy 7 700.[12]Lasa tena nahere ty Josafata. Nagnore fiaro mafe vaho
tana famoria tao Joda re. [13]Re le nana zaka maro tao antana Joda, vaho miaramila__bojane, lahilahy mahere
arofo__tagne Jerosalema.[14]Toa ty lisitre reo, milahatre arake reo agnara ty fokon-drae iereo: bakagne Joda, reo
mpifehe ty agnarivone; Adna mpifehe, naho niarake tamine ty lahilahy mpialy 300 000; [15]tao afarane ty Johanana
mpifehe, naho niarake tamine ty lahilahy 280 000; [16]tao afarane ty Amasia anadahy Zikry, ze nanolo-bata
hanompo Yaveh; naho niarake tamine ty lahilahy mpialy 200 000. [17]Bakamy Benjamina:le i Eliada lahilahy
natanjake tamity herem-po, naho niarake tamine ty mpitam-pialia 200 000 niarake tamireo folese vaho reo
ampinga; [18]magnorike aze Jozabada, naho niarake tamine reo 180 000 vogno ho amity aly. [19]Reo ro nanompo ty
mpanjaka, hafa reo ze natobo ty mpanjaka tamireo tana manda nagnera Joda iaby.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 18

[1]Naho Josafata nana harea vaho hasy bey; re le nilongo tamy Ahaba tamity nanambaliane ty raike tao amity foko
ty anakampelane. [2]Tao maro tafara atoy, le nizotro tagne amy Ahaba tagne Samaria re. Namono agnondry
aman'ose maro ho aze vaho reo nadty niarake tamine ty Ahaba. Naharese lahatre aze mba hanafike i Ramota
Gileada hiarake amine ka Ahaba. [3]Hoe Ahaba, mpanjaka Israely, tamy Josafata, mpanjaka Joda hoe:" Hindeha
hiarake aminao ho agne Ramota Gileada vao riha?" Namale aze Josafata hoe:" Mitovy aminao avao raho, naho ty
vahoakeko le mitovy amity vahoakenao; hiarake aminareo agne amity aly zahay."[4]Hoe Josafata tamity mpanjaka
Israely hoe:" Mba paio aloha ty safa Yaveh ho amity valen-drehanao." [5]Bakeo ty mpanjaka Israely namory reo
mpaminane, lahilahy efa-jato, ka nirehake tamiereo hoe:" Tokone hindeha hialy agne Ramota Gileada vao tika, sa
aha? Hoe iereo hoe:" Tafiho, fa Zagnahare hagnomea zay eo antagna ty mpanjaka."[6]Feie hoe Josafata hoe:" Tsy
mboe misy mpaminane Yaveh hafa ze afake hangalantika dineke vao ty eto?" Hoe ty mpanjaka Israely tamy
Josafata hoe:"Mboe misy lahilahy raike ze afake hangalantika ty heve Yaveh, le Mikaia anadahy Jimla, feie hejeko
re satria tsy namisavisa soa mikasike ahy vatane re, fa raty avao." Fa hoe Josafata hoe:" Tsy tokone hirehake zay
ty mpanjaka." [8]Bakeo nikaike manan-kasy ty mpanjaka Israely naho nanao ty hoe:" Ento malaky ty Mikaia
anadahy Jimla."[9]Naho sambe nitoboke tamity sezan-droandria iaby Ahaba mpanjaka Israely vaho Josafata
mpanjaka Joda, nisiky ty akanjo lavagn'iereo, teo amity toera malalake agnoloa ty filira ty vavahady Samaria,
naho ty mpaminane iaby le namisavisa teo agnoloa iereo. [10]Zedekia anadahy Kenana le nagnamboatre trifa vy ho
ahy ty vatane naho nanao ty hoe:" Zao ro safa yaveh: Amireo ro hitotoanao reo Syriana mandram-pipoteha
iereo." [11]Nitovy visavisa reo mpaminane iaby, nanao hoe:" Tafiho Ramota Gileada naho reseo, fa le fa namea
Yaveh teo antagna ty mpanjaka zay."[12]Ty irake ze nindeha nikaike i Mikaia nanao tamine, hoe: Ingo zao, ty reha
reo mpaminane le magnombara zaka soa amity mpanjaka amity feo toka. Ao ty rehanao ho hoe ty reha ty raike
amiereo naho hirehake zaka soa." [13]Namale Mikaia hoe:" :Laha mboe velo kea Yaveh, le ze zaka rehafen'Agnahare
ro hataliliko." [14]Laha fa niavy tagne amity mpanjaka re, le hoe ty mpanjaka tamine hoe:" Ry Mikaia, tokone
hindeha hialy agne Ramota Gileada vao tika, sa aha?" Namale aze Mikaia hoe:" Tafiho naho maharesea! Fa ho
fahareseam-bey zay."[15]Bakeo ty mpanjaka nirehake tamine hoe:"Impire ro hampifantako anao tsy hirehake laha
tsy ty mare amiko amity agnara Yaveh?" [16]Ka le hoe Mikaia hoe:" Nahisake ty Israely iaby nizara tegne amireo
vohitse raho, manahake ty agnondry tsy misy mpiarake, naho hoe ty Yaveh:' Tsy mana mpiarake agnondry reo.
Ao ty lahilahy iaby hihere am-pilamina agne antragnone.'"[17]Laha zao le hoe ty mpanjaka Israely tamy Josafata
hoe:" Tsy le fa nirehake anao vao raho fa re le tsy haminavina soa mikasike ahy, fa loza avao?" [18]Bakeo le hoe
Mikaia hoe:" Laha zao nareo iaby le tokone hidranjy ty safa Yaveh: Nahisake Yaveh nitoboke teo amity sezan-
droandria raho, naho ty miaramila ty lagnitre iaby nitsanga teo ankavanane vaho teo ankaviane.[19]Hoe Yaveh
hoe:' Ia ro hitao i Ahaba, mpanjaka Israely, mba hahafahane hiakatre agne Ramota Gileada naho ho lavo agne?'
Ty raike nirehake zao naho ty hafa nirehake zay.[20]Tafarazay le nisy fagnahy nimbaeo naho nitsanga teo agnoloa
Yaveh vaho nirehake hoe:' Hitao aze raho hoe Yaveh tamine hoe:' Amity fomba akore?' [21]Le namale ty fagnahy
hoe:' Hiakatre raho naho holasa fagnahy mpavande ao ambava reo mpaminane iaby.' Namale Yaveh hoe:' Hitao
aze riha, naho hasoa kea nareo. Ka amizao mindehana naho anovo zay.'[22]Ingo naho amizao, Yaveh nametrake
fagnahy mpavande tao ambava reo mpaminanenao reo, naho Yaveh nandily loza ho anareo."[23]Le niavy Zekedia
anadahy Kenana, namofoke ty fify Mikaia, naho nanao ty hoe:" Taia ty lala niala ty fagnahy Yaveh tamiko mba
hirehake aminao?" [24]Hoe Mikaia hoe:" Ingo, ho hainao zay amize andro zay, laha fa milay hihaja agne amity
efetragno agnate ty ilane riha."[25]Nirehake tamity mpanompo ilane ty mpanjaka Israely hoe:"Tsepahonareo
vahoake ty Mikaia naho ento ho agne Amona, ty governora ty tana re, vaho agne amy Joasy, anadahiko. [26]Nareo
vahoake hirehake amine hoe:' Hoe ty mpanjaka hoe: ampiliro agne am-ponja io lahilahy io naho fahano mofo
vaho rano kele re, mandram-pihereko soa aman-tsara."' [27]Bakeo Mikaia nirehake ty hoe:"Laha tafimpoly soa avao
riha, le tsy nirehake tamity alalako Yaveh." Le mboe nampeane ty hoe:" Dranjigno zay, nareo ry vahoake
iaby."[28]Ka le niakatre handietre i Ramota Gileada ty Ahaba, mpanjaka Israely, vaho Josafata, mpanjaka Joda. [29]Hoe
ty mpanjaka Israely tamy Josafata hoe:" Hiova tarehe raho naho hindeha ho amity aly, fa agnisio ty akanjo lava ty
mpanjaka." Ka le niova nanao ndaty hafa ty mpanjaka Israely, naho nindeha tagne amity aly iereo. [30]Naho ty
mpanjaka Syria le nandily reo kapitene reo kalesene, nanao hoe:" Ko manafike reo miaramila manan-kaja na tsy
manan-kaja. Fa kea, ty mpanjaka Israely avao ro tafiho."[31]Naho laha fa nahisake i Josafata reo kapitene ty kalese
le hoe iereo hoe:" Igne ty mpanjaka Israely." Nihere mba hanafike aze iereo, feie nikorake mafe Josafata, naho
namonje aze Yaveh. Navalin'Agnahare niala tamine iereo. [32]Naho laha fa hisa reo mpifehe ty kalese fa tsy ty
mpanjaka Israely re, le nihere tamity fagniagna aze iereo.[33]Feie nisy lahilahy raike naninto ty folese naho nitifitre
ty mpanjaka Israely teo agnivo ty fifankahaoza ty fiarova. Bakeo Ahaba nirehake tamity mpinday kalesene hoe:"

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Mitoliha naho ento miakatre ty aly raho, fa mafere vatane." [34]Niharaty ty aly tamio andro o, naho ty mpanjaka Israely le nandy tao amity kalesene nanandrife tamireo Syriana zisike ty hariva. Mandram-pitsofora ty andro, le mate re.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 19

[1]Nihere soa avao tagne antragnone tagne Jerosalema ty Josafata mpanjaka Joda. [2]Bakeo Jeho anadahy Hanana, ty
mpahisake, niakatre hanalaka aze ka nirehake tamy Josafata Mpanjaka hoe:" Tokone hagnampe ty raty fagnahy
vao riha? Tokone hotea reo ze malay Yaveh vao riha? Laha zao asa zay, le ao aminao ty heloke bakamy Yaveh. [3]Na
le zay aza, le mboe misy soa hisake ao agnatenao, fa nafahanao hiala ty tane reo baon'Aseraha, naho le nanefe ty
arofonao hipay an'Agnahare riha."[4]Nitoboke tao Jerosalema ty Josafata; naho niakatre hitete ty vahoake ndraike
re zisikagne Beriseba ka hatragne amity tane tazoa Efraima ka ninday iereo nihere tagne amy Yaveh, ty
Zagnahare ty razambey iereo. [5]Nametrake mpitsara tagne amity tane nagnera reo tana manda iaby tagne Joda re,
isake ty tana.[6]Hoe re tamireo mpitsara hoe:" Dineho ze tokone hataonareo, satria tsy mitsara ho ahy ty ndaty
nareo, fa ho ahy Yaveh; momba anareo Re amity asam-pitsara. [7]Ka amizao, ao ho aminareo ty tahotre Yaveh.
Miambena laha fa mitsara nareo, fa tsy mba misy heloke amy Yaveh Zagnaharentika, na fifilia vatagn'ondaty na
vandevande."[8]Ka, nanendre ty ilane tamireo Levita vaho reo mpisoro, naho ty ilane tamireo mpitarike ty
tragnon-draza Israely tao Jerosalema ty Josafata, ho amity fandefea ty fitsara ho ahy Yaveh, naho ho amireo
fifandiera. Nitoboke tao Jerosalema iereo. [9]Nagnanatre iereo re, nanao hoe:" Tokone hanompo Yaveh ampagnaja,
ampatokisa, naho amity arofonareo iaby nareo.[10]Na mbia mbia avy aminareo ty fifandiera amireo rahalahinareo
ze mitoboke agne amity tana iereo, na mikasike ty fampi-pohan-dio, na momba reo lily aman-dala, le
ampiambeno iereo, mba tsy ho lasa meloke eo agnoloa Yaveh iereo, laha tsy zay le ho avy aminareo vaho amireo
rahalahinareo ty heloke. Zay ro tokone hataonareo mba tsy ho meloke nareo.[11]Ingo, Amaria mpisorombey ro eo
aminareo amity raraha Yaveh iaby. Zebadia anadahy Ismaela, mpitarike ty foko Joda, ro mita ty raraha ty
mpanjaka iaby. Reo levita avao kea le ho manam-pahefa hanompo anareo. Mahereza ka oriho reo toro-lala nareo
reo, naho Yaveh anie hiomba reo ze soa."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 20

[1]Naho tafara zay, le niavy nandietre i Josafata reo vahoake Moaba vaho Amona, naho niarake tamiereo ty Monita
ilane. [2]Le niavy ty ilane nirehake tamy Josafata, nanao hoe:" Maro bey reo hoavy handietre anao bakagne andafe
ty Riake Mate, bakagne Edoma. Ingo, ao Hazezon-tamara iereo," ty Enjedy.[3]Lasa natahotre vaho nampipay ty
vatane mba hipay Yaveh ty Josafata. Nagnombara fifalean-kane era Joda iaby re. [4]Niara-nivory hipay Yaveh ty
Joda iaby; niavy hipay Yaveh tagne amireo tana Joda iaby iereo.[5]Naho Josafata nitsanga teo amity fiangona Joda
vaho Jerosalema, tao antragno Yaveh, teo agnoloa ty kianja vaovao. [6]Hoe re ty hoe:" Ry Yaveh, ty Zagnahare reo
razambeinay, tsy riha vao ro Zagnahare ty lagnitre? Tsy Riha vao ro mapndily eo amireo fanjaka ty firene iaby?
Ty here vaho ty fahefa le antagnanao, Ka tsy misy afake hahatohetre anao. [7]Ry Zagnaharenay, tsy riha vao ro
nandroake ty vahoake teto amity tane toy nagnoloa Israely ndatinao, vaho nagnomea zay zisikezao ho ahy reo
foko Abrahama?[8]Nitoboke tao amizay vaho nagnore fitoboha masy tao ho ahy ty agnaranao iereo, nanao hoe:
[9]'Laha niavy teo aminay ty loza__ty meso, ty fitsara, na arete, na kere__le hitsanga eo agnoloa ty tragnone toy,
vaho eo agnoloanao zahay(fa ato amity tragno toy ty agnaranao), naho hitagny anao zahay amity jalenay, ka
haharey vaho hamonje anay Riha.'[10]Naho ingo, reo are ty vahoake Amona, Moaba, naho ty vohitse Seira ze tsy
nenganao ho tafihe Israely laha fa niakatre bakagne amity tane Egypta iereo; fa kea, niala tamiereo ty Israely
naho tsy namoteke iereo. [11]Ingo, ty fomba hagnonerane antika; avy handroake antika hiala ao amity tanenao ze
nameanao ho lovanay iereo.[12]Ry Zagnahare o, tsy hitsara iereo vao Riha? Fa tsy mana here handiera ze tafike avy
handietre anay zay zahay. Tsy hainay ze tokone hatao, fa ty masonay le agne aminao." Nitsanga teo agnoloa
Yaveh ty Joda iaby, niarake tamireo maline iereo, reo valine, vaho reo anane.[14]Le teo agnivo ty fiangona, ro niavy
tamy Jahaziela, anagn'i Zakaria, ana i Benaia, ana i Jeiela, ana i Matania, ty Levita, raike tamireo ana i Asafa ty
fagnahy Yaveh. [15]Hoe Jahaziela hoe:" Dranjigno, ry Joda iaby vaho ty vahoake Jerosalema, naho ry Josafata
mpanjaka. Zao ro safa Yaveh aminareo hoe:' Ko matahotre; ko kivy laha zao tafike zao, fa tsy ho anareo ty aly, fa
ho an'Agnahare.[16]Tsy maintsy handietre iereo nareo maray. Ingo, hiakatre amity lala mandrio agne Ziza iereo.
Hahisake iereo eo amity fara ty baibo nareo, eo aloha ty efetre Jeroela. Tsy mila mialy amize aly zay nareo.
Mitsangana eo amity fitobohanareo, mijanogna, ka henteo ty famonjea Yaveh anareo, ry Joda vaho Jerosalema.
Ko matahotre na ko kivy. Miakara handietre iereo hamaray, fa Yaveh hiomba anareo."'[18]Nagnohoke ty tarehene
teo amity tane ty Josafata. Ty Joda iaby vaho ty vahoake Jerosalema le niondreke teo agnoloa Yaveh, niantsa aze.
[19]Reo Levita, vaho reo foko ty Kehatita vaho koraita, nitsanga mba hiantsa Yaveh, ty Zagnahare Israely, tamity feo
mafe.[20]Vaho magneno akoho le nitsanga iereo ka niakatre nimbaeo amity efetre Tekoa. Laha niakatre igne iereo,
le nitsanga Josafata naho nanao ty hoe:" Midranjigna ahy, ry Joda, vaho nareo vahoake Jerosalema! Minoa Yaveh
Zagnaharenareo, le ho tohagna nareo. Matokia reo mpaminane, le hosoa nareo." [21]Laha fa nagnontane ty ndaty
Re, le nanendre reo tokone hiantsa ho ahy Yaveh vaho handaza aze noho ty hasine masy Re, laha niakatre taloha
ty tafike iereo, naho nanao ty hoe:" Misaora Yaveh, fa maharetre zisikezay ty fandeferane."[22]Laha fa nanomboke
niantsa vaho nanompo iereo, le nametrake lahilahy hagnisy tampoke ty vahoake Amona, vaho Moaba, naho ty
vohitse Seira, ze bake handietre Joda Yaveh. Naho le rese iereo. [23]Le nitsanga hialy handietre ty vahoake bakao
ambohitse Seira ty vahoake Amona vaho Moaba, mba hamono vatane vaho hamoteke iereo. Laha fa vita iereo ty
amity vahoake ao ambohitse Seira, le hifamoteke iereo.[24]Laha niavy teo amity toera fijilova ty efetre ty Joda, le
nanente ty tafike iereo. Ingo, le fa mate iereo, lavo tamity tane; tsy nisy afa-belo.[25]Laha avy handrava teo amiereo
Josafata vaho ty vahoakene, le nahisake zaka maro bey, akanjo, vaho fiasa lafovily, ze nalaene ho ahy iereo,
mihoatre noho ze azo iereo niente. Naharetre hateloa ty fandrava iereo, fa bey loatre zay te teo. [26]Tamity andro
fahaefatre le nivory teo amity baibo Bereka iereo. Tagne ro niantsa iereo Yaveh, ka natao hoe"Baibo Bereka" ty
agnara ze toera zay zisikandroany.[27]Le nihere iereo, ty ndaty iaby tao Joda vaho Jerosalema, naho tao amity
fitariha iereo Ty Josafata, mba hindeha hombaeo Jerosalema ampifalea ndraike, fa Yaveh le fa nampifale iereo
teo amireo fahavalone. [28]Niavy tagne Jerosalema vaho tao antragno Yaveh niarake tamireo lokanga, valiha, naho
trompetra iereo.[29]Ty horohoron'Agnahare le teo amireo Fanjaka ty firene iaby laha naharey iereo fa Yaveh le
nialy handietre reo fahavalo Israely. [30]Ka le nitsy ty fanjaka Josafata, satria nagnomea fiadagna aze nagnodidy aze
iaby ty Zagnaharene.[31]Nanjaka teo amy Joda ty Josafata: lime amby telo-polo tao re laha nanomboke nanjaka,
naho nanjaka lime amby roa-polo tao tamy Jerosalema re. Ty agnaran-drenene le Azoba, anakampela Sily.
[32]Nindeha tamireo lala Asa raene re; naho tsy niala tamireigne; nanao ze mare teo amaso Yaveh re. [33]Na zay aza,
tsy narova reo fitoera agnabo. Ty vahoake le tsy mboe nitarike ty arofo iereo ho amity Zagnahare ty razambey
iereo.[34]Naho laha ty amireo zaka hafa mikasike i Josafata, voalohane sady farane, ingo, reo le fa voasoratre ao
amity tantara i Jeho ana i Hanany, ty voafiasa an-tsoratre ao amity boke reo mpanjaka Israely.[35]Naho tafara zay
Josafata, mpanjaka Joda le niraike tamy Ahazia, mpanjaka Israely, ze nanao zaka-raty maro. [36]Niraike tamine re


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

mba hagnamboatre sambo hindehana agne Tarsisy. Tao Ezion-gabera ro nagnamboara iereo ty sambo. 37Naho
Eliezera ana i Dodavaho bakagne Maresa, le namisavisa hagnisy i Josafata; heo re ty hoe:" Satria le fa niraike
tamy Ahazia riha, le rinava Yaveh reo tetek'asa nao." Rendreke ty Sambo ka tsy afake nindeha an-tsambo iereo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 21

[1]Nimate tagne amireo razanbeine ty Josafata naho naleve niarake tamiereo tao amity tana Davida; Jehorama,
anadahine, ro lassa mpanjaka nisolo ty toerane. [2]Nana rahalahy ty Jehorama, ana i Josafata: le Azaria, Jehiela,
Zakaria, Azaria, Mikaela, naho Sefatia. Anadahy Josafata, mpanjaka Israely iaby reo. [3]Nanolotre fagnomea
volafoty, volamena, naho zaka-lafo vily hafa maro le maro, naho tana manada tagne Joda ho ahy iereo avao kea
ty raene, feie nameana i Jehorama ty sezan-droandria, satria re ro anadahy voalohane.
[5]Roe amby telopolo tao ty Jehorama laha nanomboke nanjaka, naho nanjaka zisike ty valo tao tamy Jerosalema
re.[6]Nindeha tamity lala reo mpanjaka Israely re, manahake ty natao ty foko Ahaba, fa ty anakampela Ahaba ro
valine, naho nanao ze raty teo amaso Yaveh re. [7]Kanefa, tsy nagniry ty handrava ty foko Davida Yaveh, noho ty
amity fagnenkea ze nataone tamy Davida; le fa nampagnantegna ty hagnomea havelo ho aze vaho reo fokone
zisikagne re.[8]Tamity andro i Jehorama, le navande hiala tamity fifehea Joda Edoma, ka nametrake mpanjaka ho
eo amiereo. [9]Le nitsake niarake tamireo mpifehene vaho reo kalesene iaby ty Jehorama. Andro hale ro nindenane
vaho nialiane tamireo Edomita ze nagnodidy aze vaho mpifehe ty kalesene. [10]Ka le fa navande tamity fifehea Joda
zisikezao ty Edoma. Navande hiala tamity fifeheane niarake tamizay avao kea Libna, satria Jehorama le fa
nahafoe Yaveh, Zagnahare reo razambeine.[11]Fagnampe zay, le nagnore fitoboha agnabo tagne amireo vohitse
Joda avao kea ty Jehorama, ka namelo ty vahoake Jerosalema manahake ty mpivaro-bata, naho ninday i Joda
hiotake.[12]Nisy taratasy bakamy Elia mpaminane niavy tagne amy Jehorama. Zao ro nambara zay:" Zao ro safa
Yaveh, ty Zagnahare Davida, razambeinao: Satria tsy nindeha tamity lala Josafata, raenao riha, na tamireo lala
Asa, mpanjaka Joda, [13]fa le fa nindeha tamity lala reo mpanjaka Israely kea, naho nahavy i Joda vaho reo vahoake
Jerosalema hiseho hoe ty mpivaro-bata, manahake ty natao ty foko Ahaba__naho satria le fa vinononao tamity
meso avao kea reo rahalahinao tao amity fokon-draenao, le reo lahilahy soa noho ty vatanao [14]ingo, Yaveh
hagnisy anao, reo anako, vaho reo valinao, naho ty hareanao iaby amity arete-manadany foloay. [15]Riha vatane ro
harare mafe noho ty arete ao amity tsinainao, zisike ty hahavoa ty tsinainao noho ty arete, isan'andro
sanandro."[16]Le nanao ty fagnahy reo Filistina vaho reo Arabo ze narine reo Etiopiana handietre i Jehorama
Yaveh. [17]Nagnisy i Joda iereo, nanafike zay, naho nangalake reo harea iaby ze hisake tao antragno ty mpanjaka.
Nalae iereo avao kea reo anadahine vaho valine. Tsy nisy anadahy sisa ho aze laha tsy Jehoaza, anane-faralahy.
[18]Tafara ze iaby zay, le nagnisy aze tao amity tsinaine tamity arete tsy hay afahe ty Yaveh. [19]Naho tamity andro
voatondro, afake roe tao, le lavo ty arete ty tsinaine, naho mate noho ty arete magnirifiry re. Tsy nandrehetre afo
ho hasine arake ty natao iereo ho ahy ty razambeine ty vahoakene. [20]Nanomboke nanjaka re tamity faharoe amby
telopolo taone; nanjaka tao Jerosalema zisike ty valo tao re, naho mate tsy nisy mpitagny. Naleve iereo tao amity
tana Davida re, fa tsy tao amity kibory ty mpanjaka.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 22

[1]Reo vahoake Jerosalema le nanao Ahazia, faralahy Jehorama, ho mpanjaka hisolo aze, fa ty tary reo lahilahy ze
niarake tamireo Arabo nilitre tao amity tobe le namono reo anadahine iaby. Ka le Ahazia anadahy Jehorama,
mpanjaka Jod, ro lasa mpanjaka. [2]Roe amby efapolo tao Ahazia laha nanomboke nanjaka; nanjaka herentao tao
Jerosalema re. Atalia ro agnaran-drenene; anakampela Omry re. [3]Nindeha tamity lala ty foko Ahaba avao kea re
satria ty renene ro mpagnomea hevetre aze tamity fanovan-draty.[4]Nanao ze raty teo amaso Yaveh Ahazia,
manahake ze natao ty foko Ahaba,satria iereo ro mpagnomea hevetre tafara ty nahafate andraene, ho amity
haravane. [5]Nagnorike ty toro-heve reo avao kea re; nindeha niarake tamy Jorama anadahy Ahaba, mpanjaka
Israely re, mba hialy amy Hazaela, mpanjaka Syria, tagne Ramota-gileada. Nahafere i Jorama reo Syriana.[6]Nihere
tagne Jezirela ty Jorama mba hagnafaha ty fere ze natao iereo tamine tagne Rama, tamie nialy tamy Hazaela,
mpanjaka Syria. Ka le nizotro tagne Jezirela ty Ahazia anadahy Jehorama, mpanjaka Joda, mba hanente Jorama
anadahy Ahaba, satria nafere ty Jorama.[7]Naho ty harava Ahazia le nienten'Agnahare tamity famangia Ahazia i
Jorama. Laha fa niavy re, le niarake tamy Jehorama mba hanafike i Jeho anadahy Nimsy, ze le fa finily Yaveh
handrava ty foko Ahaba. [8]Naho laha fa nandefe ty fitsaran'Agnahare teo amity foko Ahaba ty Jeho, le nahisake reo
mpitarike Joda vaho reo anadahy ty rahalahy Ahazia nanompo Ahazia re. Vinono Jeho iereo.[9]Nipay Ahazia ty
Jeho; tsinepa iereo tao amity Samaria re, niente tagne amy Jeho, ka vinono re. Bakeo naleve iereo re, fa hoe iereo
ty hoe:" Re le anadahy Josafata, ze nipay Yaveh tamity arofone iaby." Naho le tsy nana fahefa handily ty fanjaka
sase ty foko Ahazia.[10]Naho laha fa hisa Atalia, rene i Ahazia fa mate ty anadahine, le nitsanga ze naho namono
reo ana-droandria iaby tao amity foko Joda. [11]Kanefa Joseba, anakampela ty mpanjaka, nangalake Joasy, anadahy
Ahazia, naho nagnafake aze teo amireo anadahy ty mpanjaka ze vinono. Natobone tao amity efetragno firoroa re
vaho ty mpiteza aze. Naho Joseba, anakampela Jehorama Mpanjaka, valy Jehoiada mpisoro (fa anabave Ahazia
re), nagnaja aze tamy Atalia, mba tsy hamonoa Atalia aze. [12]Niarake tamiereo tao antragnon'Agnahare zisike ty
enen-tao re, laha mboe i Atalia ro nanjaka teo amity tane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 23

1Tamity tao faha-fito, le nanoro ty herene ty Joiada naho nanao fifagnenkea tamireo mpifehe ty anjatone, le
Azaria anadahy Jehorama, Ismaela anadahy Johanana, Azaria anadahy Obeda, Mahaseia anadahy Adaia, naho
Elisafata anadahy Zikri. 2Nimbaeo Joda iereo naho namory reo Levita bakamireo tana Joda iaby, vaho reo loham-
poko Israely, naho niavy tao Jerosalema iereo. 3Nanao fifagnenkea tamity mpanjaka tao antragnon'Agnahare ty
fiangona iaby. Hoe Joiada tamiereo hoe:" Ingo, hanjaka ty anadahy ty mpanjaka, arake ty safa Yaveh mikasike reo
foko Davida.4Zao ro tsy mainsty ataonareo: ty raike ampahatelonareo mpisoro vaho Levita ze niavy hanompo
amity Sabata, le ho mpiambe eo amireo varavara. 5Ty ampahatelone hafa agne amity tragno ty mpanjaka, naho
ampahatelone hafa agne amity vavahady fotora. Ty ndaty iaby le ho agne Ankianja ty tragno Yaveh.6Ko misy
ndaty enga mbaeo antragno Yaveh, laha tsy reo mpisoro vaho Levita ze manompo. Mahazo militre iereo satria
voatoka. Fa ty ndaty hafa iaby le tsy maintsy magnenke reo lily Yaveh. 7Tsy maintsy magnodidy ty mpanjaka
amity lafine iaby reo Levita, ty ndaty iaby miarake amity zaka-fialiane egne antagnane. Na ia ia militre ao amity
tragno, le ao re ho vonoe. Miaraha amity mpanjaka laha fa militre vaho miakatre re."8Laha zao reo Levita vaho
Joda iaby le nanompo tamity fomba iaby ze nandilia Joiada mpisoro. Sambe nangalake reo lahilahine ty kirai-
kiraike, reo ze avy hanompo amity Sabata, vaho reo ze hienga ty fanompoa amity Sabata, satria Joiada, mpisoro,
le tsy mba nandroake na ia ia tamity fizara iereo. 9Bakeo Joiada, mpisoro, ninday lefo ho ahy reo mpifehe vaho
anak'apinga kele vaho bey ze ahy Davida Mpanjaka ze tao antragnon'Agnahare.10Nalaha Joiada reo miaramila
iaby, ty lahilahy kirai-kiraike sambe niarake tamity zaka-fialiane tegne antagnane, bakeo amity ilane havana ty
tempoly zisikagne amity ilane havia ty tempoly, nagnorike ty alitara vaho ty tempoly, nagnodidy ty mpanjaka.
11Le niente iereo niakatre ty anadahy ty mpanjaka, napetake teo amine ty satron-kasy, naho namea aze ty llily ty
fagnenkea. Le natao iereo ho mpanjaka re, naho nagnosotre aze ty Joiada vaho reo anadahine. Le hoe iereo ty
hoe:" Ho ela velo anie ty mpanjaka."12Laha fa rey Atalia ty tabataba ty vahoake nilailay vaho niantsa ty mpanjaka,
le namonje ty vahoake tao antragno Yaveh re. 13Naho nanente re, le ingo, nitsanga teo agnila ty ambe teo amity
filira ty mpanjaka, naho teo agnila ty mpanjaka reo mpifehe vaho reo mpitioke trompetra. Nifale vaho nitioke
trompetra ty ndaty ty tane iaby, naho nitendre zaka-magneno vaho nitarike ty antsa fiantsa reo mpiantsa. Bakeo
Atalia nandrovitre ty akanjone naho nikorake hoe:" Mpamadike! Mpamadike!"14Bakeo Joiada, mpisoro, ninday
niakatre reo mpifehe ty anjatone ze teo amity tafike naho nirehake tamiereo hoe:" Akaro eo agnivo ty filahara re;
ze ndaty magnorikie aze, ao re ho vonoe amity meso." Fa hoe ty mpisoro hoe:" Ko vonoe ao antragno Yaveh re."
15Laha zao le nanao lala ho ahy iereo iereo, naho nindeha tamity lala ty vavahadin-tsoavale nimbaeo amity
tragno ty mpanjaka re, naho tagne ro namonoa iereo aze.16Bakeo Joiada nano fagnenkea tamity vatane, vaho ty
ndaty iaby, vaho ty mpanjaka, fa tokone ho ndaty Yaveh iereo. 17Laha zao le nilitre tao antragno Bala ty ndaty iaby
naho nandrava zay. Pinote iereo ty alitara Bala vaho reo sarene, naho vinono iereo teo agnoloa reo alitara reo ty
Matana, mpisorom-bey.18Naho Joiada nanendre manan-kasy ho ahy ty tragno Yaveh teo ambane fehe reo
mpisoro, ty Levita, ze tinendre Davida ho ahy ty tragno Yaveh, mba hanolotre fagnatetre oroa ho ahy Yaveh,
arake ty voaosratre ao amity lily Mosesy, niarake-nifale vaho niantsa, arake ty torolala namea Davida.
19Nametrake mpiambe teo ambavahady ty tragno Yaveh Joiada, mba tsy hisy na raike ze naloto tamity fomba
maro tokone hilitre.20Niente Joiada niarake tamine reo mpifehe ty anjatone, reo lahilahy manan-kasy, reo
governora ty vahoake, vaho reo ndaty ty tane iaby. Nientene nizotro bakao amity tragno Yaveh ty mpanjaka;
namonje bakegne amity vavahady ambone nimbaeo amity tragno ty mpanjaka ty ndaty naho nametrake ty
mpanjaka ho eo amity sezan-droandriam-panjaka. 21Ka le nifalefale ty ndaty iaby tao amity tane, naho nilamy ty
tana. Laha ty amy Atalia, le vinono iereo tamity meso re.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 24

[1]Fito tao ty Joasy laha fa nanomboke nanjaka; nanjaka zisike ty efapolo tao tamy Jerosalema re. Ty agnarandrenene le Zibia, bakagne Berisheba. [2]Joasy le nanao ze mare teo amaso Yaveh tamity andro iaby nivelogna Joiada, mpisoro. [3]Nangalake valy roe ho aze ty Joiada, naho niterake ajalahy vaho ajampela re.[4]Tafara zay, le tapakevetre ty hagnere amity lalane ty tragno Yaveh ty Joasy. [5]Navory niarake reo mpisoro vaho reo Levita, naho hoe re tamiereo:" Mindehana isan-tao agne amity tana Joda naho mamoria vola bakamy Israely iaby mba hagnamboara ty tragno ty Zagnaharenareo. Anovo azo antoke fa hamototre amizay nareo." Tamity voalohane le tsy nanao na ino ino reo Levita.[6]Naho ty mpanjaka nampikaike i Joiada, ty mpisorombey, naho nirehake tamine hoe:" Nagnino ro tsy nampidesenao reo Levita bakagne Joda vaho Jerosalema ty haba ze navory Mosesy mpanompo Yaveh vaho reo fiangona Israely, ho amity tragno ty lala ty fagnenkea?" [7]Fa reo anadahy Atalia, ty ampela raty fagnahy, namoteke ty tragnon'Agnahare naho nagnomea reo zaka-masy iaby tao antragno Yaveh ho ahy reo Bala.[8]Ka le nialy ty mpanjaka, naho nagnamboatre vata iereo naho nametrake zay teo ambaly ty filira mbaeo antragno Yaveh. [9]Laha fa zay le nanao talily nagnera Joda vaho Jerosalema iereo, ty mba hindaisa ty vahoake hom ahy Yaveh ty haba ze navory Mosesy mpanompon'Agnahare tamy Israely tagne agnefetre. [10]Le nifale reo mpitarike vaho ty vahoake iaby ka ninday vola naho nametrake zay tao amireo vata zisike ty ahafenoa iereo zay.[11]Isake ty minday ty vata ho agne amity manan-kasy ty mpanjaka reo Levita, naho isake ze hisa iereo fa misy vola maro ao agnate zay, le avy ty mpanora-dala ty mpanjaka vaho ty manan-kasy ty mpisorombey, ka nagnafoa ty vata, vaho nangalake zay naho ninday zay hihere ho eo amity toerane. Nanao zay isan'andro iereo, namory vola maro. [12]Namea ty mpanjaka vaho Joiaba ho ahy reo ze nanao ty asa fanompoa tao antragno Yaveh ty vola. Nagnarama mpanao tragno vaho mpandrafitre reo lahilahy reo mba hagnere amity lalane ty tragno Yaveh, naho niasa tao avao kea reo mpanefe vy vaho varahy.[13]Le nitofa ty mpiasa, naho ty asa fagnamboara le nilasa teo antnana iereo; naore iereo mitovy toera tamity voalohane ty tragno Yaveh naho nihamafese zay. [14]Laha fa vita iereo, le nientene tagne amy Joiada vaho ty mpanjaka ty sisam-bola. Ze vola zay le nampiasae hanova fanake ho ahy ty tragno Yaveh, reo koja-koja ente-manompo vaho hanova fagnatetre__Sotro vaho koja-koja volamena vaho volafoty. Tsy nijano nanolotre fagnatetre oroa tao amity tragno Yaveh iereo tamity andro Joiada iaby.[15]Nihabey vaho ela andro nivelogna ty Joiada, naho le mate re; 130 tao re ro nimate. [16]Naleve iereo tao amity tana Davida niarake tamireo mpanjaka re, satria le fa nanao ty soa tagne Israely, tamin'Agnahare, naho tamity tragnon'Agnahare re.[17]Naho tafara ty nihafate Joiada, le niavy reo mpitarike Joda naho nanenke ty mpanjaka. Le nidranjy iereo ty mpanjaka. [18]Nahafoe ty tragno Yaveh, ty Zagnahare reo razambeine iereo, naho nanompo reo zagnahare Aseraha vaho reo sampe. Niavy tamy Joda vaho Jerosalema ty helon'Agnahare noho ze asa raty iereo zay. [19]Ne nagnirake mpaminane ho agne amiereo Re mba hinday iereo hihere agne amine, Yaveh ndraike; nitsanga vavolombelo handietre ty vahoake reo mpaminane feie nilietse ty hidranjy iereo.[20]Niavy tamy Zakaria anadahy Joiada, ty mpisoro ty fagnahy Nagnahare; nitsanga teo ambone ty vahoake Zakaria naho nirehake tamiereo hoe:" Zao ro safan'Agnahare: nagnino ro mandika reo lily Yaveh nareo, ka tsy mahisake hasoa? Ka satria nahafoe Yaveh nareo, le hahafoe anareo avao kea Re." [21]Kanefa iereo nihevetre handietre aze; tamireo lily ty mpanjaka, le nitora-bato aze teo ankianja ty targno Yaveh iereo. [22]Tamize fomba zay, Joasy, mpanjaka, le tsy niraharaha ty hasoam-pagnahy natao Joiada, rae i Zakaria, tamine. Fa kea, namono ty anadahy Joiada re. Laha fa mate ty Zakaria, le hoe re ty hoe:" Yaveh anie hahisake zao naho hamale anao."[23]Naho tamity fiafara ty tao, le niakatre handietre i Joasy ty tafike Syria. Niavy tao Joda vaho Jerosalema iereo; vinono iereo ty mpitarike ty vahoake iaby naho nandefa reo azo iaby ho agne amity mpanjaka Damaskosy iereo. [24]Ty tafike reo Syriana le niavy niarake tamity tafike kele, fa Yaveh ro nagnomea iereo faharesea teo amireo tafike bey vatane, satria nahafoe Yaveh, ty Zagnahare reo razambey iereo ty Joda. Tamizay ro nitsara ty Syriana i Joasy.[25]Tamity andro nindehana reo Syriana, le fa nafere mafe ty Joasy. Reo mpanompone avao ro nilasa handietre aze noho ty famonoa reo anadahy Joiada, mpisoro. Vinono iereo teo ambone fandrea re, naho le mate; naleve iereo tao amity tana Davida re, fa tsy tao amity kibory reo mpanjaka. [26]Toa ro ndaty ze nilasa handietre aze: le Zabada anadahy Simata, ty aze Amonita; naho Jozabada anadahy Simrita, ty aze Moabita.[27]Amizao ty mikasike ty anadahine, ty famisavisam-bey ze nirehafa ty mikasike aze, vaho ty fagnoregna ndraike ty tragno Yaveh Zagnahare, ingo, le fa voasoratre ao amity boke ty Tanatara ty mpanjaka zay. Amazia anadahine, ro nanjaka nisolo ty toerane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 25

[1]Dime amby roapolo tao ty Amazia laha nanomboke nanjaka; nanjaka sive amby roapolo tao tamy Jerosalema re.
Joadana ro agnaran-drenene, bakao Jerosalema. [2]Nanao ze mare teo amaso Yaveh re, feie tsy tamity arofone iaby.
[3]Naho naha tafatoboke soa ty fanjakane, le namono reo mpanompo ze namono ty rae, ty mpanjaka re. [4]Kanefa tsy
namono reo anagnireo mpanompo re, fa nanao arake ze voasoratre tao amity lily, tao amity boke Mosesy, arake
ty nandilia Yaveh ty hoe:" Ao ty rae tsy ho mate noho ty anakae, na ty anake mate noho ty rae. Fa kea, tokone ho
mate noho ty hadisoane avao ty ndaty kirai-kiraike."[5]Ka le, nivoria Amazia niarake ty Joda, naho nandrae
antsoratre ty agnara iereo arake ty foko ty razambey iaby, teo ambane reo mpifehe ty arivo vaho mpifehe ty
zato__Joda vaho Benjamina iaby. Nisafene nanomboke tamity roapolo tao ro miakatre iereo, naho 300 000 reo
lahilahy voaisake, afake mindeha agnaly, ze afake mita lefo vaho ampinga. [6]Nagnarama lahilahy mpialy 100 000
bakamy Israely avao kea re tamity talenta volafoty zato.[7]Fa nisy lahilahin'Agnahare raike niavy teo amine naho
nanao ty hoe:" Ry mpanjaka, ko enga hiarake aminao ty tafike Israely, satria Yaveh tsy momba ty Israely__na ty
vahoake Efraima. [8]Kanefa na le mindeha vaho mahere arofo naho mahere agnaly aza riha, le handavo anao eo
agnoloa ty fahavalonao ty Zagnahare, satria Zagnahare le mana fahefa hagnampe, vaho fahefa handavo."[9]Le hoe
Amazia tamity lahilahin'Agnahare hoe:" Ka ino zane ro ataonay momba reo talenta zato ze le fa nameako ho ahy
ty tafike Israely?" Ty lahilahin'Agnahare namale hoe:" Yaveh le afake magnomea anao maro mihoatre noho zay."
[10]Ka le nisarahe Amazia ty tafike bakamine vaho ty bakamy Efraima; naho nalefane noly ndraike iereo. Ka
nirehetre mafe tamy Joda ty helo iereo, naho le noly tamin-keloke mafe iereo.[11]Naho Amazia nana herem-po
nitarike ty vahoakene niakatre ty baibon-tsira; tao ro nahareseane reo lahilahy ray ale bakagne Seira. [12]Nisambo-
belo reo ray ale hafa ty tafike Joda. Niente iereo tagne ambone ty haram-bato iereo naho navarine bakegne, mba
hipoteha iereo iaby.[13]Fa reo lahilahy ty tafike ze nahere Amazia, mba tsy hindehana iereo miarake amine agne
agnaly, le nanafike reo tana Joda zisikagne Samaria ka hatragne Beti-horona. Nandavo vahoake telo arivo vaho
nangalake babo maro iereo.[14]Naho laha fa tafimpoly bakamity famonoa ty Edoma i Amazia, le ninday reo
zagnaharene ty vahoake Seira, vaho nametrake iereo mba ho zagnaharene arere re. Nihohoke teo agnoloa reo re
naho nangnoro liten-ketae magnitre ho ahy reo. [15]Lava zao le nirehetre tamy Amazia ty helo Yaveh. Nandefa
mpaminane ho agne amine Re, ze nanao ty hoe:" Nagnino riha ro nipay reo zagnahare ty vahoake ze tsy
nahavonje reo vahoakene teo antagnanao kea?"[16]Naho laha mboe nirehake tamine ty mpaminane, le hoe ty
mpanjaka tamine hoe:" Feie vao zahay lefa nanao anao ho mpagnomea hevetre ty mpanjaka? Ao zay! Nagnino
riha ro tokone ho vonoe?" Naho le nijano ty mpaminane naho nanao ty hoe:" Haiko fa le fa nanampa-kevetre ty
handrava anao ty Zagnahare satria nanao ze asa zay riha naho tsy nidranjy ty torohevene."[17]Naho le nipay
hevetre tamireo mpanolo-tsay ty Amazia, mpanjaka i Joda naho nagnirake mpinday talily tagne amy Joasy
anadahy Johaza anadahy Jeho, mpanjaka Israely, nanao ty hoe:"Avia, ao tika hifagnatreke amity aly."[18]Kanefa ty
Joasy mpanjaka Israely nagnere reo mpinday talily ho agne amy Amazia mpanjaka Joda, nanao ty hoe:" Tsilo
raike tagne Libanona nandefa talily tamity Sedera raike tagne Libanona, nanao hoe:' Ameo ho valy ty anako lahy
ty anagnao Vave,' kanefa nisy mere raike bakagne Libanona nindeha teo naho nihose-hose ty tsilo. [19]Riha le fa
nanao hoe:' Ingo, le fa nandavo i Edoma raho,' naho ty arofonao ro nampirehareha anao. Mirehareha amity
fandreseanao, nefa mitoboha avao agne antragno, fa nagnino riha ro tokone hignisy koronta vaho halavoa, ho
ahy ty vatanao vaho Joda miarake aminao?"[20]Feie tsy nidranjy Amazia, satria bakamin'Agnahare ze zaka zay, mba
hahafahane manolotre ty vahoake Joda ho eo antagna reo fahavalone, satria le fa nipay hevetre bakamireo
zagnahare Edoma iereo. [21]Ka le nanafike Joasy, mpanjaka Israely, re vaho Amazia, mpanjaka Joda, le nifagnatre-
bata tao Beti-semesy, ze agne Joda. [22]Lavo teo agnoloa Israely ty Joda, naho nilay noly ty lahilahy iaby.[23]Joasy,
mpanjaka Israely, le nitsepake i Amazia anadahy Joasy anadahy Ahazia, mpanjaka Joda, tao Beti-semesy.
Nientene tagne Jerosalema re naho namoteke ty manda Jerosalema zisikagne amity Vavahady Efraima ka
hatragne amity Vavahady anjorone, te elagnela efajato metatre. [24]Nalaene iaby ty volamena vaho ty volafoty iaby,
ty zaka-iaby ze hisake tao antragno'Agnahare niarake tamy Obed-edoma, naho reo zaka manan-danja tao
antragno ty mpanjaka, niarake tamireo takalom-pia avao kea, naho le nihere tagne Samaria.[25]Amazia anadahy
Joasy mpanjaka Joda, le nivelo dime amby folo tao tafara ty nahafate Joasy, anadahy Joahaza, mpanjaka Israely.
[26]Laha ty amireo raraha hafa mikasike i Amazia, ty voalohane vaho ty farane, ingo, feie vao reo tsy le fa
voasoratre tao agnate ty boke reo mpanjaka Joda vaho Israely?[27]Naho nanomboke tamity andro ze niotaha
Amazia tamity fagnoriha Yaveh, le nanomboke nanao hevetre handiera aze tagne Jerosalema iereo. Nilay tagne
Lakisy re, kanefa iereo nagnirake lahilahy nagnorike aze tagne Lakisy naho namono aze tagne. [28]Niente iereo
nihere tamity soavale re naho nandeve aze niarake tamireo razambeine tao an-Tana Joda.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 26

[1]Ty vahoakeJoda iaby nangalake Ozia, ty ene amby folo tao, naho nanao aze ho mpanjaka eo amity toera Amazia
raene. [2]Re ro nagnore ndraike i Elota naho nagnere nagnore zay ho ahy Joda. Tafara zay le nimate tagne amireo
razambeine ty mpanjaka. [3]Ene amby folo tao Ozia ro nanomboke nanjaka. Nanjaka zisike ty roe amby dimam-
polo tao tamy Jerosalema re. Jekolia ro agnaran-drenene; bakagne Jerosalema re.[4]Nanao ze mare teo amaso
Yaveh re nagnorike ty ohatre namea Amazia,j raene, tamity zaka-iaby. [5]Nanolotre ty vatane mba hipay
an'Agnahare tamity andro Zakaria, ze nagnomea iereo torolala tamity fagnekea an'Agnahare re. Laha mboe nipay
Yaveh re, le nagnamby aze ty Zagnahare.[6]Niakatre ty Ozia naho nialy tamity Filistina. Rinavane ty manda ty tana
tao Gata, Jabne naho Asdoda; nagnore tanam-bey tao amity tana Asdoda vaho teo amireo Filistina re.
[7]Nampean'Agnahare nandietre reo Filistina re, nandietre ty Arabo ze nitoboke tao Gorabala, naho nandietre reo
Meonita. [8]Nandoa fagnomean-kasy ho ahy Ozia ty Amonita, naho niele ty lazane, na le zisikagne amity filira
Egypta aza, satria nihamafe re.[9]Fagnampe zay, nagnore tilikambo tao Jerosalema ty Ozia ty teo amity Vavahady
anjorone, teo amity Vavahadim-baibo, vaho teo amity fiotaha ty manda, naho nagnamafe ore reo. [10]Nagnore
tilikambo fiambena tagne agnefetre re naho nihaly vovo maro, satria nana biby hare maro re, tagne amity tane
gebo vaho tane iva. Nana mpihare vaho mpambole voaloboke tagne amity firene vaho tagne amity tane tazoa
vaho tane amity baibo mamokatre re, satria teane ty fiharea vaho fambolea.[11]Fagnampe zay, nana tafike lahilahy
mpialy ty Ozia ty niakatre isam-bondro mba hialy ze voalamy arake ty isane ty nisafe Jeiela, mpanora-dala, vaho
Mahaseia, manam-pahefa, teo ambane fahefa Hanania, raike tamireo mpifehe ty mpanjaka. [12]Ty fiharoa ty isa reo
loha ty fokon-draza, lahilahy mpialy, le 2 600. [13]Teo ambane fahefa iereo le nisy tafike 307 500 lahilahy ze nialy
tamin-kere bey mba hagnampe ty mpanjaka handietre ty fahavalo.[14]Nomane Ozia ho ahy iereo__ho ahy ty tafike
iaby__reo apinga, lefo, fiaro-loha, fiaro-tratra vy, folese, vaho vato ampiasae amity pilatse. [15]Nagnamboarane mily
maro tao Jerosalema, zay finoro reo lahilahy manam-pahaia, natao tegne amity tilikambo vaho tegne andoha ty
manda, ze andefasa folese vaho vato bey. Niele zisikagne amity tane lavitre ty lazane, satria nahazo fagnampea
foloay re mandram-piaviane ho mahere vatane.[16]Fa laha fa niha-mafe Ozia, Le nieboebo ty arofone ka nanao ty
tsy mare re; nivalike tamy Yaveh, Zagnaharene re, satria nimbaeo antragno Yaveh mba hagnoro liten-ketae
magnitre teo amity alitara ty liten-ketae magnitre. [17]Azaria, mpisoro, le nilitre nagnorike aze, amity mpisoro
Yaveh valom-polo, ty lahilahy bey herem-po. [18]Nandietre i Ozia, mpanjaka iereo, naho nirehake tamine hoe:" Tsy
anjaranao, ry Ozia, ro magnoro ty liten-ketae magnitre ho ahy Yaveh, fa ahy reo mpisoro, reo anadahy Arona, ze
voahasy ro magnoro ty liten-ketae magnitre. Miakara tao amity fitoboha masy, fa tsy natoky riha naho tsy hamea
Yaveh Zagnahare hasy.[19]Le meloke ty Ozia. Nita finga tegne antagnane re mba hagnoroa ty liten-ketae magnitre.
Naho laha mboe meloke tamity mpisoro re, le nisy haboka ty teo amity handrine nagnoloa reo mpisoro tao
antragno Yaveh teo, agnila ty alitara ho ahy ty liten-ketae magnitre. [20]Azaria mpisorombey vaho reo mpisoro iaby
le nanente aze, naho, ingo, lasa boka teo amity handrine re. Rinoa iereo tsiela teo re. Ka le niakatre tsiela vatane
re, satria nagnisy aze ty Yaveh.[21]Ozia, mpanjaka, le boka mandram-pahafatene ka nitoboke tao amity toera arere
zisikamity nahaboka aze, satria nafaha tao amity tragno Yaveh re. Jotama, anadahine, ro tao andampa ty
mpanjaka ka nandily ty vahoake ty tane.[22]Naho laha ty amity raraha hafa mikasike Ozia, voalohane naho farane,
le ao amize sinora Isaia ana i Amosa, mpaminane. [23]Naho nimate tagne amity razambeine ty Ozia; naleve iereo
niarake tamireo razambeine tao amity tane fandevegna ze ahy iereo mpanjaka re, fa hoe iereo hoe:" Boka re."
Jotama, anadahine, ro lasa mpanjaka nisolo ty toerane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 27

[1]Dime amby roapolo tao ty Jotama laha nanomboke nanjaka; nanjaka ene amby folo tao tagne Jerosalema re.
Jerosa ro agnaran-drenene; anakampela Zadoka re. [2]Nanao ze mare teo amaso Yaveh re, nagnorike ty ohatre
nataon-draene, le i Ozia, tamity zaka-iaby. Nijano tamity filira tao antempoly Yaveh avao kea re. Kanefa mboe
nivem-bata tamity fomba raty avao ty vahoake.[3]Nagnamboatre ty vavahady ambone ty tragno Yaveh re, naho
nagnamboatre maro teo amity tazoa Ofela. [4]Fagnampe zay le nagnamboatre tana tagne amity tane tazoa Joda,
vaho nagnamboatre rova vaho tilikambo tagne amireo ala re.[5]Nialy tamity mpanjaka ty vahoake Amona avao kea
re naho resene iereo. Tamize andro zay avao, ro nagnomea ty vahoake i Amona aze talenta volafoty zato, vare
tritrike ray ale fatra, vare hordea ray ale fatra. Namea ty vahoake Amona aze manahake zay avao re ty taogne
faharoe vaho fahatelo.[6]Ka le nihanahere ty Jotama satria nindeha nahity teo agnoloa Yaveh Zagnaharene. [7]Naho
ty amireo raraha hafa mikasike i Jotama, ty aline iaby, naho reo lalane, ingo, voasoratre ao amity boke reo
mpanjaka Israely vaho Joda zay.[8]Dime amby roapolo tao re laha nanomboke nanjaka; nanjaka zisike ty ene amby
folo tao tamy Jerosalema re. [9]Nimate tagne amireo razambeine ty Jotama, naho naleve iereo tao antana Davida
re. Ahaza, anadahine, ro lasa mpanjaka nisolo ty toerane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 28

[1]Roapolo tao ty Ahaza ro nanomboke nanjaka, naho nanjaka ene amby folo tao tamy Jerosalema re. Tsy nanao ze
mare teo amaso Yaveh re, manahake ty natao Davida razambeine. [2]Fa kea, nindeha tamity lala reo mpanjaka
Israely re; nagnamboatre saren-jaka aily ho ahy reo Bala avao kea re.[3]Fagnampe zay, nagnoro emboke magnitre
tao amity Baibo Bena-hinoma re naho nandefa reo anane tao agnate afo, arake reo asa fanompoan-tsampe ty
ndaty ze sinere Yaveh hiala tamity tanene taloha ty vahoake Israely. [4]Nanao soro vaho nagnoro liten-ketae
magnitre tao amity fitoboha agnabo vaho tegne amireo tazoa naho tane ambane ty hetae maintso iaby re.[5]Laha
zao Yaveh Zagnahare Ahaza, le nanolotre aze teo antagna ty mpanjaka Syria. Naharese aze ty Syriana naho
ninday vahoake gadra maro niala tamine eo, ninday iereo nimbaeo Damaskosy. Natolotre teo antagna ty
mpanjaka Israely ze naharese aze tamity famonoam-bey avao kea Ahaza. [6]Fa Peka anadahy Remalia, le namono
miaramila 120 000 tao Joda tao agnate ty andro raike, lahilahy be herem-po iaby iaby, satria iereo le nahafoe
Yaveh, ty Zagnahare ty razambey iereo.[7]Zikry, lahilahy mahere raike bakagne Efraima, namono i Mahaseia
anadahy ty mpanjaka, Azrikama, manam-pehefa eo amity lampa, naho i Elkana, ty miharine ty mpanjaka. [8]Ty
tafike Israely le nangalake babo 200 000 valy, anadahilahy, naho anakampela bakamireo longo iereo. Nangalake
babo maro bey avao kea iereo, ze nientene nihere tagne Samaria.[9]Fa nisy mpaminane Yaveh raike tagne, Obeda
ro agnarane. Niakatre mba hanalaka ty tafike ze avy bakagne Samaria re. Hoe re tamiereo ty hoe:" Satria Yaveh,
ty Zagnahare ty razambeinareo, meloke tamy Joda, le nanolotre iereo teo antagnanareo Re. Fa namono iereo
tamin-keloke ze mahatakatre ty lagnitre nareo. [10]Naho mihevetre ty hita reo lahilahy vaho ampela Joda vaho
Jerosalema ho ndevonareo nareo. Fa i nareo vao tsy meloke tamireo hadisoanareo tamy Yaveh Zagnaharenareo?
[11]Ka amizao, midranjigna ahy: Alefaso reo gadra, ze nalaenareo tamireo rahalahinareo, fa mirehetre aminareo ty
helo Yaveh."[12]Naho reo mpitarike ty vahoake Efraima ilane__Azaria anadahy Johanana, Berekia anadahy
Mesilemota, Jehizkia anadahy Saloma, naho i Amasa anadahy Hadlay, nitsanga handietre reo ze nihere bakagne
amity aly. [13]Hoe iereo tamiereo hoe:" Ao tsy hinday reo gadra atoy nareo, satria mipay hinday zaka ze
hampanonta anay handietre Yaveh nareo, mba hagnampe reo hadisoanay vaho reo zaka-tsy metenay, fa foloay ty
hadisoanay, naho misy firehetan-keloke amy Israely."[14]Ka namototre reo gadra vaho reo babo teo agnoloa reo
mpitarike vaho vondro iaby reo lahilahy mitam-pialia. [15]Niare reo lahilahy ze voatendre tamity agnara naho
nangalake reo gadra, vaho nampiakanjo reo iaby tsy nisiky teo amiereo niarake tamireo babo. Nampiakanjoe
iereo reigne naho nameane Kapa. Namea iereo hane hohane vaho zaka-hinome iereo. Nitsabo ty fere iereo naho
nanao reo malema teo ambone borike iereo. Niente iereo nihere tagne amity longone tagne Jeriko iereo, (atao ty
hoe Tana Palma). Bakeo le nihere tagne Samaria iereo.[16]Tamize andro zay Ahaza Mpanjaka le nandefa mpinday
talily tagne amireo mpanjaka Asyria mba hangatake iereo hagnampe aze. [17]Satria mboe niavy ndraike reo
Edomita naho nanafike Joda, ninday reo gadra. [18]Reo Filistina avao kea le nanafike reo tana reo tane gebo vaho
Negeva ao Joda. Nalae iereo ty Beti-semesy, Aialona, Gederota, naho Soko vaho reo ana-bohine, Timna vaho reo
ana-bohine, naho Gimzo vaho reo ana-bohine avao kea. Nindeha nitoboke tagne amireo toera reo iereo.[19]Fa
Yaveh nagnetre Joda noho i Ahaza, mpanjaka Israely, satria re nanao raty tao Joda vaho nanonta mafe le mafe
tamy Yaveh vatane. 20Tiglato-pilesera, mpanjaka Asyria, le niavy teo amine naho nagnoronta aze laha tokone ho
nagnamafe aze. [21]Fa Ahaza le nangalake ty tragno Yaveh vaho reo foko ty mpanjaka naho reo mpitarike, mba
hagnomea zaka-lafovily ho ahy reo mpanjaka Asyria. Feie tsy nahazoane tombone ty fanoa zay.[22]Io ty Ahaza
Mpanjaka ao avao ro nandietre vatane Yaveh tamity andro ty fijalea. [23]Satria nanao soro tamireo zagnahare
Damaskosy re, zagnahare ze le fa naharese aze. Hoe re ty hoe:" Satria nagnampe iereo ty zagnahare reo
mpanjaka Syria, le hisoro ho ahy iereo raho, mba hagnampe ahy iereo." Kanefa harava ho aze vaho Israely iaby
iereo.[24]Navory Ahaza reo fanake tao amity tragnon'Agnahare naho pinotene. Nahiline reo varavara ty tragno
Yaveh naho nanao alitara ho aze teo amity zoro Jerosalema iaby re. [25]Tagne amity tana Joda iaby ro nanovane
fitoboha agnabo mba hagnoroa soro ho ahy reo zagnaharen-kafa. Nipay Yaveh, ty Zagnahare reo Razambeine re.
[26]Naho ty sisa tamireo asane, vaho reo lalane iaby, voalohane naho farane, le ingo, le fa voasoratre ao amity boke
reo mpanjaka Joda vaho Israely. [27]Nimate tagne amireo razambeine ty Ahazia, naho naleve iereo tao amity tana,
tao Jerosalema re, fa tsy niente iereo tagne amity kibory reo mpanjaka Israely. Hezekia, ty anadahine, ro lasa
mpanjaka teo amity toerane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 29

1Nanomboke nanjaka ty Hezekia tamity faha-dime amby roapolo taone; nanjaka zisike ty sive amby roapolo tao
tamy Jerosalema re. Ty agnaran-drenene le Abia; anakampela Zakaria. 2Nanao ze mare teo amaso Yaveh re,
manahake ty le fa natao Davida raene.3Tamity tao voalohane nanjakane, tamity vola voalohane, le namoha reo
varavara ty tragno Yaveh Hezekia naho namboatre reo. 4Nampilitre reo mpisoro vaho reo Levita re, naho namory
iereo niarake tao amity kianja tamity ilane antignana. 5Hoe re tamiereo hoe:" Midranjigna ahy, nareo Levita!
masino ty vatanareo, naho masino ty tragno Yaveh, ty Zagnahare ty razambeinareo, naho afaho hiala amity
fitoboha masy ty hateloa.6Fa nanonta reo razambeintika naho nanao ze raty teo amaso Yaveh Zagnaharentika;
nahafoe aze iereo, nagnotake ty tarehe iereo niala tamity toera ze hitoboha Yaveh, naho nagnotake ty lambosy
iereo ho amizay. 7Nihilia iereo avao kea reo varavara ty lavaranga naho vinonone ty jiro; tsy nagnoro liten-ketae
magnitre iereo na fagnatetre oroa tao amity toera masy ho ahy ty Zagnahare Israely.8Laha zao le nipoke teo amy
Joda vaho Jerosalema ty helo Yaveh, naho nataone hoe ty zaka fagnorohoroa, fampitahora, vaho fagnafaham-
baraka iereo, arake ty hisanareo amity masonareo. 9Zay ro antone nahalavo reo raentika tamity meso, vaho
nahababo reo anantika lahy, vaho reo anantika vave, naho reo valintika.10Amizao le ato ampoko ty hanao
fagnenkea amy Yaveh, ty Zagnahare Israely, mba hiala ty helone mirehetre amintika. 11Ry anako, ko malay
amizao, satria Yaveh le fa nifily anareo mba hitsanga eo agnoloane, mba hanompo aze, naho mba ho
mpanompone vaho ho emboke magnitre."12Bakeo le nitsanga reo Levita: le Mahata anadahy Amasay, vaho Joela
anadahy Azaria, bakamity ndaty reo Kohalita; naho reo ndaty Merary, Kisy anadahy Abdia, vaho Azaria anadahy
Jehalalila; naho reo Gersonita, Joa anadahy Zima, naho Edena anadahy Joa; 13bakamireo anadahy Elizafana,
Simry vaho Jeiela; naho bakamireo anadahy Asafa, Zakaria naho Matania; 14bakamity anadahy Hemana, Jehiela
naho Simei; naho bakamity anadahy Jedotona, Semaia naho Oziela.15Namory reo rahalahine iereo, naho
nagnamasy ty vatane, ka nilitre, arake ty nandilia ty mpanjaka, tamity fagnoriha reo safa Yaveh, mba hagnalio ty
tragno Yaveh. 16Nilitre tao amity efetre agnate ty tragno Yaveh reo mpisoro mba hagnalio zay; niente iereo
niakatre ty loto iaby ze hisane tao antempoly Yaveh tao ankianja ty tragno. Nalae reo Levita zay mba hagnafaha
zay ao ambaibon-driake Kidrona. 17Naho natombo iereo ty fagnamafea tamity andro voaloha ty vola voalohane.
Naho tamity andro fahavalo ty vola le nita teo amity lavaranga Yaveh iereo. Naho zisike ty valo andro hafa avao
kea le nagnamasy ty tragno Yaveh iereo. Tamity andro fahaene amby folo ty vola voalohane le vita iereo zay.
18Bakeo iereo nindeha tagne amy Hezekia, ty mpanjaka, tao amity lampa naho nanao ty hoe:" Le fa nagnalio ty
tragno Yaveh iaby zahay, ty alitara ho ahy reo fagnatetre oroa miarake amity ataone iaby, vaho ty latabatre ty
mofo ty fiatrefa, miarake amity ataone iaby. 19Ka le fa nioma zahay naho le fa nihamasine nay reo zaka iaby ze
nafaha Ahaza mpanjaka tamy niasa tsy ampantokia zisike ty fanjakane re. Ingo, eo agnoloa ty alitara Yaveh
reo."20Bakeo Hezekia mpanjaka nifoha maray naho namonje reo mpitarike ty tana; nindeha niakatre tagne amity
tragno Yaveh re. 21Ninday agnombe lahy fito, agnondrilahy fito, anakagnondry fito, naho oselahy fito ho
fagnatetre noho ty hadisoa ho ahy ty fanjaka, ho ahy ty fitoboha masy, naho ho ahy Joda iereo. Nandily reo
mpisoro, reo anadahy Arona re, mba hanese reo eo amity alitara Yaveh.22Ka le vinono iereo ty agnombe, naho
rinae reo mpisoro ty lio ka nafitsene teo amity alitara. Vinono iereo ty agnondry lahy naho failine teo amity
alitara ty lio; vinono iereo avao kea reo anakagnondry naho nailine teo amity alitara ty lio. 23Niente iereo teo
agnoloa ty mpanjaka vaho ty fivondrogna reo oselahy ho fagnatetre noho ty hadisoa; natobo iereo teo amizay ty
tagnane. 24Vinono reo mpisoro zay, naho nanao fagnatetre noho ty hadisoa tamity lio reo teo amity alitara mba
hanova fagnavota ho ahy Israely iereo, satria nandily ty mpanjaka fa tokone hisy fagnatetre oroa vaho fagnatetre
noho ty hadisoa ho ahy Israely iaby.25Natobo Hezekia tao amity tragno Yaveh niarake tamity Kipantso, Harpa,
naho lokanga reo Levita, nahalany arake ty baiko Davida, Gada, ty mpahisake ty mpanjaka, vaho Natana, ty
mpaminane, satria bakamy Yaveh tamity alala reo mpaminanene ty baiko. 26Nitsanga niarake tamireo zaka-
magneno Davida reo Levita, naho reo mpisoro niarake tamireo trompetra.27Nandily iereo mba hanolotre ty
fagnatetre oroa ho eo amity alitara Hezekia. Laha fa nanomboke ty fagnatetre oroa, le nanomboke avao kea ty
antsa Yaveh, niarake tamireo trompetra, mbamity zaka-magneno Davida, mpanjaka Israely. 28Nifale iaby ty
fiangona iaby, niantsa reo mpiantsa, naho nilay reo mpampagneno trompetra; nitohy zisikagne reo iaby reo
zisike ty hivita ty fagnatetre oroa.29Laha fa vita iereo ty fagnatetre, le nihohoke vaho nitsaoke ty mpanjaka vaho
reo iaby ze nagnatreke niarake tamine. 30Hafa zay, Hezekia, ty mpanjaka, vaho reo mpitarike le nandily reo Levita
mba hiantsa antsa ho ahy Yaveh tamity safa Davida vaho Asafa mpahisake. Niantsa antsa tamin-kafalea iereo,
naho nihohoke vaho niantsa.31Le hoe Hezekia hoe:" Amizao le nagnamasy ty vatanareo ho ahy Yaveh nareo. Avia
eto ka ento ho ao antragno Yaveh reo soro vaho reo fagnate-pisaora." Niente ty fiangona reo soro vaho reo
fagnate-pisaora, naho reo iaby ze nana arofo feno fagniria le ninday fagnatetre oroa.32Agnombelahy fitompolo,

agnondrilahy zato, naho anakagnondry lahy roanjato ro isa reo fagnatetre oroa niente ty fiangona. Ho fagnatetre
oroa ho ahy Yaveh iaby reo iaby. [33]Agnombe enenjato vaho agnondry telo arivo reo fagnatetre voahasy.[34]Fa tsy
ampe reo mpisoro laha hagnolitre ty angozy reo fagnatetre oroa, ka le nagnampe iereo ty rahalahine, reo Levita,
zisike ty nivita ty asa, naho mandram-piafaha reo mpisoro nagnamasy ty vatagniereo, fa niambe ty hagnamasy ty
vatagniereo kea noho reo mpisoro ty Levita.[35]Fagnampe zay, le nisy fagnatetre oroa maro bey; nampiarahe tamity
sbora ty fagnate-piharoa reo, naho nisy fagnatetre nome ho ahy ty fagnatetre oroa iaby. Ka le nilamy soa ty
fanompoa tao antragno Yaveh. [36]Nifalefale Hezekia, naho ty vahoake iaby avao kea, noho zay le fa
nomanen'Agnahare ho ahy ty ndaty, satria vita tsiela ty asa.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 30

[1]Nandefa irake tamy Israely vaho Joda iaby ty Hezekia, naho nanoratre taratasy ho ahy Efraima vaho Manase, fe
tokone ho avy ao antragno Yaveh agne Jerosalema iereo, mba hankalaza ty Pasake ho ahy Yaveh, ty Zagnahare
Israely. [2]Fa ty mpanjaka, reo mpitarine, vaho ty fiangona iaby tagne Jerosalema le niarake-nihevetre, nanam-
pakevetre ty hankalaza ty Pasake amity vola faharoe. [3]Tsy afake nankalaza zay teo naho eo anefa iereo, satria tsy
ampe reo mpisoro ze nagnamasy ty vatagniereo, na ty ndaty ze niarake-nivory tagne Jerosalema.[4]Toe mare teo
amaso ty mpanjaka vaho ty fiangona iaby ze tolo-hevetre zay. [5]Ka nagnenke ty hanao fagnombara magnera
Israely iaby iereo, zisikagne Beriseba ka hatragne Dana, fa ty vahoake le tokone ho avy hankalaza ty Pasake ho
ahy Yaveh, ty Zagnahare Israely, tao Jerosalema. Fa iereo le tsy niambe zay niarake tamity vahoake maro isake,
arake ze voasoratre.[6]Laha zao reo irake le nindeha ninday ty taratasy bakamity mpanjaka vaho reo mpitarine
nagnera Israely vaho Joda iaby, arake ty baiko ty mpanjaka. Hoe iereo ty hoe:" Nareo vahoake Israely, miheregna
amy Yaveh, ty Zagnahare Abrahama, Isaka, naho Israely, mba hiheregnane amity sisa tavela aminareo ze tafilay
bakeo antagna reo mpanjaka Asyria.[7]Ao nareo tsy hitovy amity razambeinareo na ty rahalahinareo, ze nanonta
tamy Yaveh, ty Zagnahare ty razambey iereo, ka nandravane iereo, arake ty hisanareo. [8]Naho ko mafe loha,
manahake reo razambeinareo; fa kea, manolora-bata hoahy Yaveh nareo naho milira ao amity fitoerane masy, ze
le fa nihamasignene zisikezay, naho manompoa an'Yaveh Zagnaharenareo mba hiala aminareo ty helone. [9]Fa
laha mihere amy Yaveh nareo, le hahisake fiferenaigna magnoloa reo ze ninday iereo ho gadra ty rahalahinareo
vaho ty anagnareo, ka hihere amity tane toy iereo. Fa Yaveh Zagnaharenareo, le mafe-arofo vaho mpandefetre,
naho tsy hagnetake ty tarehene aminareo, laha mihere amine nareo."[10]Ka le lasa reo irake nindeha isan-tana
nagnera ty faritre Efraima vaho Manase, ty lala iaby nimbaeo Zebolona, fa nihehe vaho nagnifike iereo ty ndaty.
[11]Na zay aza, ty ilane tamity lahilahy Aseraha vaho Manase naho Zebolona le nagnetre-bata ka lasa tagne
Jerosalema. [12]Niavy tamy Joda, avao kea ty tagnan'Agnahare, mba hagnomea arofo raike iereo, mba handefe ty
lily ty mpanjaka vaho reo mpitarike tamity alala ty safa Yaveh.[13]Vahoake maro, fiangonam-bey vatane, ro tafivory
tagne Jerosalema mba hankalaza ty fifalea amity Mofo tsy misy masirasira tamity vola faharoe. [14]Le nitsanga
iereo naho nangalake reo alitara ze tagne Jerosalema, vaho reo alitara iaby ho ahy ty liten-ketae magnitre; natora
iereo tagne amity baibon-driake Kidrona zay. [15]Bakeo le namono ty anakagnondry ty Pasake iereo tamity andro
fahaefatre amby folo ty vola faharoe. Megnatre reo mpisoro vaho reo Levita, ka nagnamasy ty vatane vaho
ninday fagnatetre oroa tao antragno Yaveh iereo.[16]Nitsanga tegne amity toerane iaby arake ty fizarane iereo,
magnorike reo torolalа namea tao amity lily Mosesy, ty lahilahin'Agnahare. Naily reo mpisoro ty lio ze nalaene
bakamity tagna reo Levita. [17]Satria nisy maro tamity fiangona ro tsy nagnamasy ty vatane. Laha zao le namono ty
anakagnondry ty Pasake ho ahy ty ndaty iaby tsy voalio vaho tsy afake nagnamasy ty soro iereo ho ahy Yaveh reo
Levita.[18]Fa vahoake marobey, maro tamiereo bakagne Efraima vaho Manase, Isakara vaho Zebolona, ro tsy
nagnalio ty vatane re, nefa nihina ty sakafo ty Pasake avao iereo, tsy arake ze fagnanara voasoratre. Le nivavake
ho ahy iereo ty Hezekia, nanao ty hoe:" Enga anie Yaveh soa handefetre ty ndaty iaby [19]ty manefe ty arofone
hipay an'Agnahare, Yaveh, ty Zagnahare reo razambeine, na le tsy voalio tamity falio arake ty lala ty fitoboha
masy aza re." [20]Ka le nidranjy i Hezekia Yaveh naho nagnafake ty vahoake.[21]Ty vahoake Israely ze tagne
Jerosalema le niambe tamin-kafaleam-bey ty hafalea amity mofo tsy misy masirasira zisike ty hafitoa. Reo Levita
vaho reo mpisoro le niantsa Yaveh isan'andro, nihira niarake tamity zaka-megneno mafe hoahy Yaveh. [22]Naho
Hezekia nagnamafe reo Levita iaby ze nahatakatre ty fanompoa Yaveh. Ka le nihina tamim-pifalea zisike ty
hafitoa iereo, nanolotre reo soro ho fagnate-piharoa, naho nibebake tamy Yaveh, ty Zagnahare ty razambey iereo.
[23]Naho ty fiangona iaby nanampa-kevetre ty hankalaza hafitoa hafa, ka nanao zay tamin-kafalea iereo. [24]Naho
Hezekia mpanjaka Joda nagnomea agnombelahy arivo vaho agnondry fito arivo ho ahy ty fiangona ho
fagnatetre; naho reo mpitarike nagnomea agnombelahy arivo vaho agnondry aman'ose ray ale ho ahy ty
fiangona. Mpisoro maro isake ro nagnamasy ty vatane.[25]Ty fiangona Joda iaby, miarake amireo mpisoro vaho reo
Levita, naho ty vahoake iaby ze niarake avy bakagne Israely, naho reo vahiny ze niavy bakagne amity tane
Israely vaho reo ze nitoboke tagne Joda le nifale iaby. [26]Ka le nisy hafaleam-bey tao Jerosalema, fa hatramity
andro Solomona ana Davida, mpanjaka Israely, le tsy mboe nahisaha manahake zay tao Jerosalema. [27]Naho
nitsanga vaho nitso-drano ty vahoake reo mpisoro, vaho reo Levita. Rey ty feo iereo, naho ty vavake iereo
niakatre tagne andagnitse, ty fitoboha masy ze itobohan'Agnahare.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 31

[1]Naho laha fa vita iaby iaby zay, le niakatre ho agne amireo tana Joda ty vahoake Israely iaby ze tagne ka
nanorotoro reo vato vaho nanampake reo baon'Aseraha, naho rinava iereo ty fitoboha agnabo vaho reo alitara
tao amy Joda vaho Benjamina, vaho tao Efraima naho Manase iaby, mandram-pamoteha iereo aze iaby. Le nihere
ty vahoake Israely iaby, ty kirai-draike tagne amity fanagnane vaho ty tanane iaby.[2]Tinendre Hezekia ty fizara reo
mpisoro vaho reo Levita voalamy arake ty fizara iereo, ty lahilahy kirai-draike tinendre tamity asane, le reo
mpisoro vaho reo Levita. Tinendrene iereo mba hanao ty fagnatetre oroa vaho fagnate-piharoa, mba hanompo,
mba hanolotre fisaora, naho mba hiantsa eo amireo vavahady ty tempoly Yaveh. [3]Tinendrene avao kea ty anjara
ty mpanjaka ho ahy ty fagnatetre oroa bakamireo fanagnane arere, zay le, ho ahy ty fagnatetre oroa maray vaho
fagnatetre oroa hariva, naho ty fagnatetre oroa ho amity andro Sabata, reo vola vaovao, vaho ty andro fifalea
voatendre, arake ze voasoratre ao amity lily Yaveh.[4]Hafa zay, nandily ty vahoake ze nitoboke tagne Jerosalema
mba hagnomea anjara ho ahy reo mpisoro vaho reo Levita re, mba hahafaha iereo mifantoke amity fagnenkea ty
lily Yaveh. [5]Vatane vaho nalefa ty baiko, le namea ty vahoake Israely tamity falalan-tagna reo voaloham-bokatre
ty vare, divay vaovao, diloilo, tantele, vaho ty bakamireo vokatre tagne ambaibo. Niente iereo ty ampahafolo ty
zaka iaby; za vatane maro.[6]Ty vahoake Israely vaho Joda ze nitoboke tao amireo tana Joda avao kea le ninday ty
ampahafolo ty biby hare vaho agnondry, naho ty ampahafolo reo zaka-masy ze natoka hoahy Yaveh Zagnahare
iereo, naho navory iereo ho ie zay. [7]Tamity vola fahatelo ro nanomboha iereo namory ty fandraisa anjarane ho
isane, ka finara iereo tamity vola fahafito. [8]Laha fa niavy naho nanente reo antontane ty Hezekia vaho reo
mpitarike, le nisaotre Yaveh vaho ty Israely vahoakene iereo.[9]Bakeo Hezekia nagnontane reo mpisoro vaho reo
Levita momba reo antontane. [10]Azaria, mpisorombey, bakamity foko Zadoka, namale aze naho nanao hoe:" Satria
reo vahoake nanomboke ninday fagnatetre tao antragno Yaveh, le nihina zahay ka voky, naho feno ambine,
satria le fa nitahie Yaveh ty vahoakene. Reo zaka bey vatane eto reo ro ambine." [11]Le nandily ty hagnomena
tragno famoria ao antragno Yaveh ty Hezekia, ka le nomane iereo zay. [12]Bakeo niente iereo tamim-patokia ty
fagnatetre, ty ampahafolone vaho reo zaka ze ahy Yaveh. Konania, Levita, ro mpita ty amireo, naho Simey,
rahalahine, ro faharoe nagnampe aze. [13]Jehiela, Azazia, Nahata, Asahela, Jerimota, Jozabada, Eliala, Jismakia,
Mahata, naho Benaia ro mpita teo ambane fehe Konania vaho Simey rahalahine, tamity hamarea Hezekia,
mpanjaka, vaho Azaria, manam-boninahitse teo amity tragnon'Agnahare.[14]Kore anadahy Jimna Levita, mpiambe
varavara teo antignana ty vavahady, ro teo amity fagnatetre an-tsitrampo ho an'Agnahare, nita ty fizara reo
fagnatetre ho ahy Yaveh vaho reo fagnatetre masy vatane. [15]Teo ambane fehene ro nisy i Edena, Miamina, Jesoa,
Semaia, Amaria, naho Sekania, tao amity tana reo mpisoro. Fineno iereo fatokia reo anjara fanompoa, mba
hagnomea reo fagnatetre reo ho ahy ty rahalahy iereo isam-pizara, le ty manan-danja vaho ty tsy manan-danja.
[16]Namea iereo avao kea reo lahilahy telo tao ro miakatre, ze voaisake tao amity fitana an-tsoratre reo razambeine
ze nilitre tao antragno Yaveh, arake ze tinake ty fanao andavanandro, mba hanao ty asa tao amireo anjara
fanompoane vaho fizara iereo.[17]Zinara iereo ho ahy ty mpisoro arake ty fitana antsoratre reo razambeine, naho
hoe zay kea ho ahy reo Levita roapolo tao ro mihoatre, arake ty asa fanompoane vaho fizara iereo. [18]Tafilitre
agnate zay ty anane malineke, reo valine, reo anadahine, naho reo anakampelane, magnera ty tana iaby, satria
iereo le natoky tamity fiambena ty vatagniereo ho masy. [19]Ho ahy reo mpisoro, le reo foko Arona, ze tagne
ambaibo tagne amireo ana-bohitre tao antane iereo, na tagne amity tana iaby, le nisy lahilahy tinendre tamity
agnara mba hagnomea anjara ho ahy reo lahilahy iaby teo amireo mpisoro, vaho ho ahy reo iaby ze voaisake tao
amity fitana antsoratre reo razambeine teo amireo Levita.[20]Natao Hezekia nagnera Joda iaby zay. Nataone ze soa,
mare, naho matoky teo amaso Yaveh, Zagnaharene. [21]Isake ty foto-trasa ze natombone tao amity fanompoa tao
antragnon'Agnahare, ty lily, naho reo lalana, mba hipaia ty Zagnaharene, le nataone tamity arofone iaby zay, ka
nisoa re.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 32

[1]Tafara reo zaka vaho asam-patokia reo, le niavy naho nilitre tao Joda ty Sankeriba, mpanjaka Asyria. Nitobe hanafike reo tana manda re, ze kinasane ho alae.[2]Laha fa hisa i Hezekia fa niavy ty Sankeriba naho re nikasa hialy amy Jerosalema, [3]le nifampidineke tamireo mpitarine vaho reo lahilahine manampahefa re ty hampijanogna ty rano reo loharano ze teo ambaly ty tana; le nagnampe aze hanao zay iereo. [4]Ndaty maro ro nivory vaho nampijano reo loharano iaby vaho ty rano mily ze namakivaky ty agnivo ty tane. Hoe iereo ty hoe:" Nagnino ty mpanjaka Asyria ro niavy hipay rano bey?"[5]Bey herem-po ty Hezekia ka nananga ty manda iaby ze nisimba. Nananga reo tilikambo ho agnabo kea, vaho ty manda hafa agne ambaline avao kea re. Nagnamafe ty Milo tao amity tana Davida avao kea re, naho nagnamboatre zaka-fialia vaho apinga marobey.[6]Nametrake mpifehe miaramila teo amity vahoake re. Namory iereo ho eo amine teo amity tane malalake teo amity vavahady ty tana re ka nirehake tamim-pagnamafea iereo. Hoe iereo hoe: [7]"Mahereza vaho mimafea. Ko matahotre na kivy noho ty mpanjaka Asyria vaho reo tafike iaby miarake amine nareo, fa misy ndaty momba antika ze bey mihoatre noho reo ze momba aze. [8]Sandry ty nofone avao ro momba aze, fa Yaveh, Zagnaharentika, kea ro miomba antika, mba hagnampe antika, vaho hialy ty alintika." Ka le nagnamafe ty vatagniereo tamireo safa Hezekia, mpanjaka Joda reo vahoake.[9]Tafara zay, le nagnirake reo mpanompone ho agne Jerosalema ty Sankeriba, mpanjaka Asyria (teo agnoloa Lakisa re, naho ty tafine iaby niomba aze), ho agne amy Hezekia, mpanjaka Joda, vaho ty vahoake iaby ze tagne Jerosalema. Hoe re ty hoe: [10]"Zao ro safa Sankeriba, mpanjaka Asyria: Ino ro hifaharanao mba hiareta ty faherano agne Jerosalema?[11]Feie tsy mamitake anareo vao ty Hezekia, mba hahavy anareo ho mate ty kere vaho ty arandrano, laha fa mirehake aminareo re ty hoe:' Yaveh Zagnaharentika ro hagnavotre antika eo antagna ty mpanjaka Asyria.'? [12]Feie vao tsy io Hezekia ao avao ro nagnafake reo fitoboha agnabone vaho reo alitarane naho nandily Joda vaho Jerosalema hoe:' Eo amity alitara raike ro tsy maintsy hanompoanareo, naho eo amizay ro tsy maintsy hagnoroanareo ty soro nareo'?[13]Hainareo vao ze le fa nataoko vaho reo razambeiko tamireo vondrogn'ondaty iaby bakamireo tane hafa? Feie afake namonje ty tane iereo teo ambane feheko tamity fomba iaby vao reo zagnahare reo vodro ty ndaty ty tane? [14]Teo amireo zagnahare reo firene iaby ze rinava ty razambeiko reo, feie nisy zagnahare afake ty namonje ty vahoakene hiala teo antagnako vao? Nagnino ty Zagnaharenareo ro tokone hahavonje anareo eo amity fanjakako? [15]Ka ko enga handiso fagnantegna vaho hitao anareo amity alala zay ty Hezekia. Ko mino aze, fa tsy nisy zagnahare ty firene na fanjaka afake namonje ty ndatine tsy ho eo antagnako, na nagnafake tsy ho eo antagna reo razambeiko. Ka vaho maike fa ty Zagnaharenareo ro hahavonje anareo amity tagnako?"[16]Mboe nirehake raty mandietre Yaveh Zagnahare vaho mandietre i Hezekia mpanompone kea reo mpanompo Sankeriba. [17]Nanoratre taratasy avao kea Sankeriba mba hagnafaha Yaveh, ty Zagnahare Israely, naho nireha-draty tamine. Hoe re ty hoe:" Manahake reo zagnahare reigne firene ty tane reigne ze tsy nahavonje ty ndaty iereo teo antagnako, ty Zagnahare Hezekia avao kea le tsy hahavonje ty ndatine hiala tsy ho eo antagnako."[18]Nikaike mafe ty vahoake Jerosalema ze tao amity rindry tamity fireha ty Jiosy iereo, hampitahora vaho hagnorohoroa iereo, mba hahafaha iereo mahazo ty tana. [19]Nirehake momba ty Zagnahare Jerosalema manahake ty firehafa iereo momba reo zagnaharene ty ndaty ty tane hafa firene, ze asan-tagna ty ndaty avao, iereo.[20]Hezekia, mpanjaka, vaho Isaia, mpaminane, le nivavake noho ze zaka zay ka nikaike mafe tagne andagnitse re. [21]Nagnirake anjele Yaveh, mba hamono reo lahilahy mpialy, reo mpifehe, naho reo manam-pahefa ty mpanjaka tao antobe. Ka le nihere tamin-kegnatre tagne antanene ty Sankeriba. Laha fa nimbaeo amity tragno ty zagnaharene re, le vinono ty ilane tamireo anane tamity meso tagne re.[22]Manahake zay ro nagnavota Yaveh i Hezekia vaho reo vahoake Jerosalema tamity tagna Sankeriba, mpanjaka Asyria, naho tamity tagna reo hafa iaby, ka nagnomea iereo fiadagna tamity fomba iaby. [23]Maro ty ninday fagnatetre ho ahy Yaveh tagne Jerosalema, vaho fagnomea lafovily ho ahy Hezekia mpanjaka Joda, mba hahavy aze hiakatre teo amaso reo firene iaby nanomboke tamize andro zay.[24]Naho tamize andro zay Hezekia le narare le fa ho nimate. Nivavake tamy Yaveh re, ty nirehake tamine naho nagnomea famantara aze fa ho sintra re. [25]Nefa Hezekia tsy mba namale Yaveh tamize soa namea aze, fa niavognavo ty arofone. Ka le niavy tamine, vaho tamy Joda amity Jerosalema ty heloke. [26]Na zay aza, le nagnetre-bata tamity avognavom-pone avao ty Hezekia, re vaho reo vahoake Jerosalema, ka tsy niavy tamiereo ty helo Yaveh zisike ty andro Hezekia.[27]Nana harea maro vaho hasy vatane ty Hezekia. Nanao efe-tragno famoria ho ahy ty volafoty, volamena, vato lafovily, vaho ho ahy reo hagnitre, naho kea ho ahy reo apinga vaho reo zaka-manan-danja sambe hafa-kara re. [28]Nana tragno famoriam-bokatre ho ahy ty vare, divay vaovao, diloilo, naho tragno fihinanam-bilo ho ahy reo biby hare karazane iaby avao kea re. Nana agnondry aman'ose tao ambalane avao kea re. [29]Fagnampe zay, nanao tana ho aze avao kea re naho nana agnondry aman'ose vaho agnombe maro, fa Zagnahare nagnomea aze harea bey vatane.[30]I Hezekia ao avao ro nanampe ty loharano


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

bakagne ambone tagne Gihona, vaho nagnily zay ho agne amity ilane ahandrefa ty tana Davida. Nisoa tamireo
fototrasane iaby Hezekia. [31]Na zay aza, ty amity zaka mikasike reo maso voho reo zagnahare Babylona, ze nirahe
ho mbaeo amine mba hametra-pagnontanea momba reo ze nahay, ty momba ty famantara mahagaga ze le fa
natao teo amity tane, le niala aze ho arere Zagnahare, mba hitsapa aze, naho hahaia iaby ze tao ampone.[32]Laha ty
amireo zaka-hafa mikasike Hezekia, ao agnate zay reo asa tsy fivaliham-pagnenkeane, ingo, le fa voasoratre ao
amity fahisa Isaia Mpaminane anadahy Amosa reo, vaho ao amity boke reo mpanjaka Joda vaho Israely. [33]Nimate
tagne amireo razambeine ty Hezekia, ka naleve iereo tagne amity tazoa misy reo kibory ty foko Davida re.
Nagnomea hasy aze tamity fatene ty Joda iaby vaho ty vahoake Jerosalema. Naho Manase anadahine ro lasa
mpanjaka nisolo aze.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 33

[1]Roe amby folo tao Manase laha nanomboke nanjaka; nanjaka zisike ty dime amby dimampolo tao tagne
Jerosalema re. [2]Nanao ze raty teo amaso Yaveh re, manahake reo zaka raty reo firene ze le fa nahafa Yaveh teo
agnoloa ty vahoake Israely. [3]Fa nananga ndraike reo toera agnabo ze rinava Hezekia raene, naho nananga reo
alitara ho ahy reo Bala re, nanao reo baon'Aseraha re, naho nihohoke teo amireo kinta ty lagnitre naho nanompo
iereo.[4]Nagnore alitara fanompoan-tsampe tao antragno Yaveh ty Manase, na le nandily aza Yaveh hoe:" Agne
Jerosalema ro itoboha ty agnarako zisikezay." [5]Nagnamboatre alitara ho ahy reo kinta ty lagnitre iaby teo amity
kianja roe ty tragno Yaveh re. [6]Noroane tao ambaibo Ben-hinoma reo anadahine. Nanao fanondro vaho sikily re;
namaky fahisaha re; naho nindeha tagne amireo ze mirehake amity mate vaho reo mirehake amireo fagnahy.
Nanao zaka-raty maro teo amaso Yaveh re naho nikaike ty helon'Agnahare.[7]Ty sare sokitre Aseraha ze
namboarene, natobone tao antragnon'Agnahare zay. Ty momba tragno o ro rinehan'Agnahare tamy Davida vaho
Solomona anadahine; zao ro nataone:" Ento amity tragno toy vaho agne Jerosalema, ze le fa finiliko tamity foko
Israely iaby, ro hametrahako ty agnarako zisikezay. [8]Tsy hafindrako amity tane ze tinendreko ho ahy ty razambey
iereo sase ty vahoake Israely, laha ohatre ka miambe iaby ze nandiliako iereo, magnorike ty llily, fotsipeke, naho
reo lily ze nameako iereo tamity alala Mosesy iereo." [9]Tinary Manase hanao raty mihoatre lavitre noho reo firene
ze le fa rinava Yaveh teo agnoloa ty vahoake Israely ty Joda vaho ty vahoake tao Jerosalema.[10]Nirehake tamy
Manase vaho tamity ndaty Yaveh, fa tsy niraharaha iereo. [11]Ka niente Yaveh teo amine reo mpifehe ty tafike ty
mpanjaka Asyria, ze nangalake Manase tamity sene vy, namehe aze tamity sene vy naho nagnakatre aze ho agne
Babylona[12]Laha tao agnate ty fijalea ty Manase, le nangatake tamy Yaveh, Zagnaharene, naho nagnetre ty vatane
teo agnoloa ty Zagnahare reo razambeine. [13]Nivavake tamine re; naho Zagnahare ro nangatahane, ka
rein'Agnahare ty hatane naho nientene nihere ho agne Jerosalema, tagne amity fanjakane re. Naho le hay Manase
fa Yaveh ro Zagnahare.[14]Tafara zay, Manase le nagnamboatre manda ambalike teo amity tana Davida, teo amity
ilane ahandrefa i Gihona, tagne ambaibo, teo amity filira amity Vavahadin-kazandrano. Nagnodidy ty tazoa i
Ofela re naho nananga ty manda ho vatane abo. Nametrake mpifehe mahere arofo teo amity tana mimanda iaby
Joda re. [15]Nafahane tsy ho ao antragno Yaveh reo zagnahare hafa, ty sampe, naho reo alitara iaby ze namboarene
tegne ambohitse ty tragno Yaveh vaho tagne Jerosalema, naho nariane tagne ambaly ty tana zay.[16]Naorene
ndraike ty alitara Yaveh naho nanolotre soro ho fagnate-pihombogna vaho fagnate-pisaora teo re; nandily Joda
hanompo Yavah, ty Zagnahare Israely re. [17]Na zay aza, ty vahoake le mboe nanao soro teo amireo fitoera abo
avao, nefa ho ahy Yaveh arere, zay Zagnahare iereo.[18]Laha ty amireo zaka hafa mikasike i Manase, ty vavake
nataone tamity Zagnaharene, vaho ty reha reo mpahisake ze nirehake tamine tamity angara Yaveh, ty Zagnahare
Israely, ingo, voasoratre ao amity asa reo mpanjaka Israely zay. [19]Ao agnate zay ty tantara ty vavake nataone,
vaho ty fihetseham-pon'Agnahare tamizay. Ao avao kea ty hadisoane vaho reo fahadisoane iaby, naho reo toera ze
nananganane reo fitoera abo vaho nametrahana reo baon'Aseraha vaho ty saren-jaka voasokitre, taloha ty
nangnetreane ty vatane__voasoratre ao amity tantara reo mpahisake zay. [20]Naho nimate tagne amireo
razambeine ty Manase, ka naleve iereo tao antragnone. Amona, anadahine, ro lasa mpanjaka nisolo aze.[21]Roe
amby roapolo tao Amona laha nanomboke nanjaka; nanjaka zisike ty roe tao tagne Jerosalema re. [22]Nanao ze raty
teo amaso Yaveh re, manahake ze le fa natao Manase, raene. Nanao soro ho ahy reo saren-jaka voasokitre iaby ze
la fa natao Manase raene ty Amona, naho nanompo reo re. [23]Tsy nagnetre vata teo agnoloa Yaveh re, manahake
ze le fa natao Manase raene. Fa kea, ty Amona toy avao le nanao hadisoa maro kea.[24]Nanao hevetre handietse
iereo mpanompone naho namono aze tao antragnone avao. [25]Fa ty vahoake ty tane namono reo iaby ze nihevetre
handietse i Amona mpanjaka, naho natao iereo ho mpanjaka nisolo aze ty Josia, anadahine.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 34

[1]Valo tao ty Josia ro nanomboke nanjaka; nanjaka zisike ty raike amby telopolo tao tamy Jerosalema re. [2]Nanao ze
mare teo amaso Yaveh, vaho nindeha tamity lala i Davida razambeine, naho tsy mba nivio niankavana na
niankavia re. [3]Naho tamity tao fahavalo nanjakane, laha mboe tanora re, le nanomboke nipay ty Zagnahare
Davida, razambeine. Tamity tao faha roe amby folo, le nanomboke nandio i Joda vaho Jerosalema bakeo amity
fitoera abo re, ty baon'Aseraha, vaho ty saren-jaka voasokitre naho ty saren-jaka vita tamity vy.[4]Rinava ty
vahoake teo agnoloane reo alitara Bala; tinampane ty alitara ty liten-ketae magnitre ze teo ambone reo.
Tinorotorone reo baon'Aseraha vaho reo saren-jaka voasokitre , naho reo saren-jaka vita tamity vy zisike hahavia
reigne ho deboke. Naparitane teo amity kibory reo ze nanao soro ho ahy zay ty deboke. [5]Noroane teo amity
alitarane ty taola reo mpisorone. Manahake zay ty fomba, nandiovane i Joda vaho Jerosalema.[6]Nataone
manahake zay kea reo tana Manase, Efraima, naho Simeona, ty lala iaby nimbaeo Naftaly, vaho teo amireo
hapoteha ze nagnodidy zay. [7]Rinavane reo alitara, pinotene ho lasa deboke reo baon'Aseraha vaho reo saren-jaka
voasokitre, naho tinampane ty alitara ty liten-ketae magnitre nagnera ty tane Israely iaby; nihere tagne
Jerosalema re bakeo.[8]Naho tamity tao fahavalo amby folo nanjakane, laha fa voalio Josia ty tane vaho ty tempoly,
le nagnirake i Safana anadahy Azalia, Maseia, governora ty tana, naho Joa anadahy Joahaza mpanoratre re, mba
hagnamboatre ndraike ty tragno Yaveh Zagnaharene. [9]Nimbaeo amy Hilkia, mpisorombey iereo, naho nanao
tamine ty vola ze niente tao amity tragnon'Agnahare, ze le fa navory reo Levita, vaho reo mpiambe varavara
baka amy Manase vaho Efraima, bakamireo sisa tamy Israely iaby, bakamy joda vaho Benjamina iaby, naho
bakamireo vahoake Jerosalema.[10]Nankine iereo tamireo lahilahy ze nagnori-maso ty asa teo amity tempoly Yaveh
ty vola. Reo lahilahy reo ro nagnarama ty mpiasa ze nagnamboatre vaho nagnere ty tempoly tamity lalane.
[11]Naloa iereo tamireo mpandrafitre vaho reo mpagnore zay mba hivilia vato voapeke vaho hetae ho fagnametara,
naho hamboara ambe ho amity voatre ze rinava reo mpanjaka Joda ilane.[12]Nanao ty asa tamim-patokia reo
lahilahy. Reo mpagnori-masone le Jahata vaho Obadia, reo Levita, bakamity anadahy Merary; naho Zakaria vaho
Mesolama, bakamireo anadahy Kehatita. Reo Levita hafa, ze mpitendre zaka-magneno tena mahay iaby,
mpanoro reo mpiasa. [13]Reo Levita reo le nita reo ze ninday ty fiasa ty tragno bey vaho reo lahilahy iaby ze nanao
ty asa sambe hafa. Nisy avao kea reo Levita ze mpanoratre, mpanao, naho mpiambe vavahady.[14]Laha fa nakare
iereo ty vola ze niente tao antragno Yaveh, le hisa Hilkia mpisoro ty boke ty lily Yaveh ze nomea tamity alala
Mosesy. [15]Hoe Hilkia tamy Safana mpanora-dily ty hoe:" Hisako tao antragno Yaveh ty boke ty lily." Niente Hilkia
tagne amy Safana ty boke. [16]Niente Safana tagne amity mpanjaka ty boke, vaho nitalily tamine avao kea, nanao ty
hoe:" Reo mpanomponao le manao ty zaka iaby ze nankine tamiereo.[17]Le fa rinao iereo ty vola ze hisake tao
antragno Yaveh, naho nomeane teo antagna reo mpagnori-maso vaho reo mpiasa zay." [18]Nirehake tamity
mpanjaka ty Safana mpanora-dily hoe:" Nomea Hilkia mpisoro boke raho." Naho vinaky Safana tamity mpanjaka
zay. [19]Naho laha fa rey ty mpanjaka reo rehake ty lily, le nandriatre ty akanjone re.[20]Ty mpanjaka nandily i Hilkia,
Ahikama anadahy Safana, Abdona anadahy Mika, Safana manora-dily, naho Asaia, mpanompone arere, nanao ty
hoe: [21]"Mindehana naho agnontaneo ho ahy ty sitrampo Yaveh, naho kea ho ahy reo ze sisa agne Israely vaho
agne Joda, noho ty reha ty boke ze le fa hisake. Fa bey zay, le ty helo Yaveh ze le fa nipoke tamintika. Bey zay,
noho reo razambeintika tsy nidranjy ty rehafe ty boke ty mba hagnenkea ze voasoratre iaby tao amizay."[22]Naho
Hilkia, vaho reo ze nililie ty mpanjaka, le nimbaeo amy Holda mpaminane vave, valy Saloma anadahy Tokehata
anadahy Hasra, mpita akanjo ty fisorogna(Nitoboke tao Jerosalema tao amity tana ambane re), naho tamize
fomba zay ro nirehafa iereo tamine.[23]Hoe re tamiereo hoe:" Izaho ro rehafe Yaveh, ty Zagnahare Israely: Ambarao
ty lahilahy ze nagnirake anareo tatoy amiko hoe: [24]"Zao ro safa Yaveh: Ingo, eo ampindaisa loza eto amity toera
toy reo vahoakene raho, reo ozo iaby ze le fa voasoratre tao amity boke ze le fa voavaky iereo teo agnoloa ty
mpanjaka Joda. [25]Satria le fa nahafoe Ahy naho le fa nagnoro ty liten-ketae magnitre ho ahy reo zagnaharen-kafa
iereo, mba hipay ahy amity heloke tamireo zaka iaby natao iereo__laha zao le hirarake amity toera toy ty heloko,
naho tsy ho mate zay.'[26]Fa ho ahy ty mpanjaka Joda, ze nagnirake anareo mba hagnontane Yaveh ze tokone
hataone, le zao ro ho rehafenao amine:' Yaveh, ty Zagnahare Israely manao hoe: Ty amity rehake ze reinao,
[27]satria riha le tso-po, vaho nagnetre-bata teo agnoloan'Agnahare laha fa reinao ty rehane hagnisy ty toera toy
vaho reo vahoakene, naho satria riha nagnetre-bata teo agnoloako naho namoteke ty akanjonao vaho nitagny teo
agnoloako, le fa nidranjy anao avao kea raho__zay ro fagnombara Yaveh__[28]ingo, havoriko ho eo amireo
razambeinao riha. Ho voavory ao amity kiborinao ampiadagna riha, naho ty masonao le tsy hahisake ty loza ze
ho enteko eto amity toera toy vaho reo vahoakene."' Niente reo lahilahy tagne amity mpanjaka ze talily zay.
[29]Bakeo ty mpanjaka nagnirake mpinday talily ka namory ty olobey Joda vaho Jerosalema iaby. [30]Naho niakatre
tao antragno Yaveh ty mpanjaka, vaho reo lahilahy Joda iaby naho reo vahoake Jerosalema, vaho reo mpisoro,


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

reo Levita, naho ty vahoake iaby, zisike ty bey naho ty kele. Naho vinakine tamiereo ty rehake iaby ty boke ty fagnenkea ze hisake tao antragno Yaveh.[31]Nitsanga teo amity fitobohane ty mpanjaka naho nanao fagnenkea teo agnoloa Yaveh, fa hagnorike Yaveh, vaho hiambe reo liline, reo fotsipene, naho reo lalane, amity arofone iaby vaho ty fagnahine iaby, hagnenke reo safa ty fagnenkea ze voasoratre ao amize boke zay. [32]Nirehake tamity ndaty iaby ze hisake tao Jerosalema vaho Benjamina re mba hagnenke ty fagnenkea. Tamity fagnenkea ro nagnanova ty vahoake Jerosalema ty fagnenkean'Agnahare, ty Zagnahare ty razambeiereo.[33]Nafaha Josia teo tane reo zaka raty iaby ze ahy ty vahoake Israely. Nampanompoene Yaveh, Zagnahareiereo ty ndaty iaby tagne Israely. Fa tamity androne iaby, le tsy nivio tamity fagnoriha Yaveh, ty Zagnahare ty razambeine iereo.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 35

[1]Niambe ty Pasake ho ahy Yaveh tao Jerosalema ty Josia, naho vinono iereo tamity andro fahaefatre amby folo ty
vola voalohane reo agnondry ty Pasake. [2]Natobone tegne amity fitobohane reo mpisoro ka nampaherezene
tamity asa fanompoa ty tragno Yaveh iereo.[3]Hoe re tamireo Levita ze nampianatre ty Israely iaby vaho ze voatoka
ho ahy Yaveh hoe:" Atoboho ao amity tragno ze namboare Solomona ana Davida, mpanjaka Israely ty tomabile
masy. Ko ente egne amity soronareo sase zay. Naho antsao Yaveh Zagnaharenareo, naho tompo Israely
vahoakene. [4]Mifandamina nareo arake ty agnara ty firazagnanareo vaho ty fizaranareo, arake reo hevetre sinora
Davida, mpanjaka Israely, vaho reo ahy Solomona, anane avao.[5]Mitsangana egne amity toera masy, raeso ty
toeranareo vaho ty fizaranareo ao amity foko reo rahalahinareo, reo foko ty vahoake, naho alao ty toeranareo
vaho ty fizaranareo ao amity foko ty razambey reo Levita. [6]Vono ty agnondry ty Pasake, hamasino ty vatanareo,
omano ho ahy reo rahalahinao ty agnondry, mba hatao arake ty safa Yaveh ze nomea tamity alala ty tagna
Mosesy."[7]Nagnomea agnondry telo ale ho ahy ty vahoake iaby Josia naho anak'ose tamireo agnondry aman'ose ho
amity fagnatetre ty pasake ho ahy reo iaby ze nagnatreke. Nagnomea agnombe telo arivo avao kea re; reo le
bakamity fanagna ty mpanjaka. [8]Reo mpitarine le nagnomea fagnate-tsitrampo ho ahy ty vahoake, reo mpisoro,
naho reo Levita. Hilkia, Zakaria, naho Jehiela, manam-boninahitre nita ty tragnon'Agnahare, le nagnomea
ananm-biby hare 2.600 vaho agnombe telonjato ho fagnatetre ty pasake ho ahy reo mpisoro. [9]Konania, vaho
Semahia naho Natanaela, rahalahine, vaho Hasabia, Jehiela, naho Jozabada, reo bey ty Levita avao kea, le
nagnomea biby hare kele dime arivo vaho agnombe diman-jato ho fagnatetre ty pasake ho ahy reo Levita.[10]Ka le
vogno ty fanompoa, naho nitoboke tegne amity fitoerane reo mpisoro, niarake tamireo Levita arake ty fizara
iereo, ho vale ty lily mpanjaka. [11]Vinono iereo ty agnondry ty pasake, naho naily reo mpisoro ty lio ze nalae iereo
bakamity tagna reo Levita, naho reo Levita nagnafake ty holy reo anak'agnondry. [12]Nafaha iereo ty fagnatetre
oroa, mba hizara reo ho ahy reo fizara ty foko ty vahoake, mba hagnomea reo ho ahy Yaveh, arake ty voasoratre
tao amity boke Mosesy. Natao iereo hoe zay kea reo agnombe.[13]Natono iereo tamity afo arake ty torohevetre reo
anak'agnondry ty pasake. Laha ty amireo fagnatetre nihamasine, le nampandeveze iereo tao agnate velagne,
velagne bey, vaho fagnendaza reo, naho niente iereo malaky tagne amity vahoake iaby zay. [14]Tafara zay le
nagnoma fagnatetre ho ahy ty vata iereo vaho ho ahy reo mpisoro iereo, satria reo mpisoro, foko i Arona, le
sahira tamity fanolora ty fagnatetre oroa vaho ty sabora zisike ty hariva, ka le nagnoma reo fagnatetre ho ahy
iereo vaho ty mpisoro, foko i Arona, reo Levita.[15]Reo mpiantsa, foko i Asafa, le tao amity toeragniereo, arake ty
torolala Davida, Asafa, Hemana, naho Jedotona mpaminane ty mpanjaka, naho reo mpiambe le tegne amity
vavahady iaby. Tsy nahazo niala ty toerane iereo, satria reo Levita rahalahy iereo le nanao fagnomana ho ahy
iereo.[16]Laha zao, tamize andro zay ty asa fanompoa Yaveh iaby le natao ho amity fankalaza ty pasake vaho
hanolora fagnatetre oroa eo amity alitara Yaveh, arake ty nandilia Josia mpanjaka. [17]Ty vahoake Israely ze
nagnatreke le niambe ty pasake tamize andro zay, naho bakeo ty hafalea amity mofo tsy misy masirasira zisike ty
fito andro.[18]Tsy mboe nisy fankalaza ty pasake hoe zay tao Israely nanomboke tamity andro i Samoela
mpaminane, naho tsy nisy vatane tamireo mpanjaka Israely hafa nankalaza ty pasake manahake ty natao i Josia,
niarake tamireo mpisoro, Levita, vaho ty vahoake Joda vaho Israely iaby ze nagnatreke, naho reo vahoake tao
Jerosalema. [19]Nembena zay pasake zay tamity fahavalo amby folo tao nanjaka i Josia.[20]Tafara ze iaby zay, tafara ty
nametraha Josia ty tempoly tamity lalane, le niakatre mba hialy amireo Karkemisy tao amity rano Eofrata ty
Neko, mpanjaka Egypta, naho Josia nindeha nialy tamine. [21]Feie nandefa maso ivo tagne amine ty Neko, nanao ty
hoe:" Ino ro tokone hataoko anao, ry mpanjaka Joda? Tsy avy handietre anao raho amizao, fa handietre ty tragno
ze hialiako. Nataon'Agnahare nindeha malaky raho, ka manindria arofo amity fanohera an'Agnahare, ze miomba
ahy, laha tsy zay handrava anao re."[22]Na zay aza, le nilietse ty hiala aze Josia. Noly nagnova vata re mba
hahafahane mialy amine. Tsy nidranjy reo safa Neko ze bakamity vavan'Agnahare re; ka le nindeha nialy tagne
amity baibo i Megido re.[23]Tinify ty mpandefa folese ty Josia mpanjaka, naho hoe ty mpanjaka tamireo
mpanompone hoe:" Ento raho, fa tena fere mafa." [24]Ka le nakare reo mpanompone bakao amity kelese re, naho
natobone tao amity fagnampe-kelesene. Niente iereo tagne Jerosalema, ze nimatezane re. Naleve tao amity
kibory reo razambeine re. Nandala i Josia ty Joda vaho Jerosalema iaby.[25]Nanao antsa fandala ho ahy Josia ty
Jeremia; ty mpiantsa lahy vaho vave iaby le mandala i Josia zisike zao. Reo antsa reo le lasa fomba tao Israely;
ingo, voasoratre ao amity antsa fandala reo. [26]Laha ty amireo zaka hafa mikasike i Josia, vaho reo asa soa nataone
tamity fagnenkea ze voasoratre tao amity lily Yaveh__[27]naho reo asane, nanomboke tagne amboalohane zisike
farane, le voasoratre ao amity boke reo mpanjaka Joda vaho Israely.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 36

1Bakeo ty ndaty tao amity tane nangalake Joahaza anadahy Josia, ka nanao aze teo amity toeran-draene tao
Jerosalema. 2Telo amby roapolo tao Joahaza laha nanomboke nanjaka, naho nanjaka telo vola tao Jerosalema re.
3Nafaha ty mpanjaka Egypta tao Jerosalema re, naho ty tane nampandovaene talenta volafoty zato vaho talenta
volamena raike. 4Natao ty mpanjaka Egypta ho mpanjaka nagnera Joda ty Eliakima rahalahine, naho nagnova ty
agnarane ho Joiakima. Bakeo nalae i Joahaza rahalahy Eliakima naho nientene tagne Egypta.5Dime amby roa-
polo tao Joiakima tamire nanomboke nanjaka, naho nanjaka raike amby folo tao tamy Jerosalema re. Nanao ze
raty teo amaso Yaveh Zagnaharene re. 6Bakeo Nebokadnezara, mpanjaka i Babylona, nanafike aze vaho namehe
aze tamity sene mba hitariha aze ho agne Babylona. 7Ninday ty ilane tamireo zaka tao antragno Yaveh avao kea
Nebokadnezara, naho nametrake reo tagne amity lampa tagne Babylona.8Laha ty amireo zaka hafa mikasike i
Joiakima, reo zaka raty ze nataone, vaho ze hisake nandietse aze, le ingo, voasoratre ao amity boke ty tantara reo
mpanjaka Joda vaho Israely rey. Naho Joiakima, anadahine, ro lasa mpanjaka teo amity toerane.9Valo tao
Joiakima tamire nanomboke nanjaka; nanjaka telo vola vaho folo andro tao Jerosalema re. Nanao ze raty teo
amaso Yaveh re. 10Tamity lohatao, le nagnirake lahilahy Nebokadnezara naho ninday aze tagne Babylona, niarake
tamireo zaka lafo bakao antragno Yaveh, naho nanao i Zekedia, longone, ho mpanjaka nagnera i Joda vaho
Jerosalema.11Raike amby roapolo tao Zekedia tamire nanomboke nanjaka; nanjaka raike amby folo tao tamy
Jerosalema re. 12Nanao ze raty teo amaso Yaveh Zagnaharene re. Naho tsy nagnetre-vata nagnoloa i Jeremia
mpaminane, ze nirehake tamity vava Yaveh re.13Zakedia avao kea le navande tamy Nebokadnezara, ze
nampifanta aze tsy fivaliha tamine tamity alalan'Agnahare. Kanefa Zadekia nagnamafe ty hatone naho
nagnamafe ty arofone mba tsy hitoloke amy Yaveh, ty Zagnahare Israely. 14Fagnampe zay, reo mpitarike ty
mpisoro vaho ty vahoake le tsy natoky vatane, naho nagnorike ty fomba raty reo firene iereo. Linoto iereo ty
tragno Yaveh ze nihamasinene tagne Jerosalema.15Yaveh, ty Zagnahare ty razambeiereo, le nandefa rehake agne
avao tamiereo tamity alala reo mpinday taliline, satria nana fiferenaigna tamity vahoakene vaho tamity toera
nitobohane re. 16Kanefa nagnafake reo mpinday talily Nagnahare iereo, nanao tsinontsino ty rehane, naho
nagnaraty reo mpaminanene, zisike ty hahameloke Yaveh tamity vahoakene, zisike tsy nisy fagnampea ho ahy
zay sase.17Laha zao le nienten'Agnahare teo amiereo ty mpanjaka reo Kaldeana, ze namono ty ajalahy iereo
tamity meso tagne amity tragno fitoboha masy, naho tsy mba nana fiferenaigna tamireo ajalahy na reo verijine,
na ty ndaty antetre na ty foty volo. Natolotr'Anagnahare teo antagnane aiby iaby.18Reo fanake iaby tao
antragnon'Agnahare, na bey na kele, reo harea tao antragno i Yaveh, vaho reo harea ty mpanjaka vaho reo
manan-kasine__nientene tagne Babylona reo iaby reo. 19Noroa iereo ty tragnon'Agnahare, narotsake ty manda
Jerosalema, noroa ty lampa iaby, naho pinoteke reo zaka soa iaby tao amizane.20Niente ty mpanjaka tagne
Babylona reo ze tsy azo ty meso. Lasa mpanompone vaho ahy reo anane lahy iereo zisike ty hanjaka ty fanjaka i
Persia. 21Niseho zay mba hahavy ty safa Yaveh tamity vava Jeremia, zisike ty hiteava ty tane ty fitofane amity
Sabata. Nagnaramaso ty Sabatane iereo laha rava vaho haolo zay, mba hiay fitom-polo tao hoe zay.22Naho tamity
tao voalohane nanjaka i Kyrosy, mpanjaka i Persia, mba hahalefe ty safa Yaveh tamity vava Jeremia, le
nandrisike ty fagnahy Kyrosy, mpanjaka Persia Yaveh, mba hanaovane fagnombara magnera ty fanjakane iaby ,
naho hanoratre zay avao kea. Hoe Re ty hoe: 23"Izaho ro ambara Kyrosy, mpanjaka Persia: Yaveh, ty Zagnahare ty
lagnitse, ro nagnomea ahy ty fanjaka ty tane iaby. Nandily ahy Re mba hananga tragno ho aze agne Jerosalema,
ze gane Joda. Na ia ia eo aminareo bakamity vahoakene iaby, le hiomba anareo anie Yaveh Zagnaharenareo. Ao
re hiakatre agne amity tane."

# Ezra

Chapter 1

1Tamity tao voalohane nanjaka Kyrosy, mpanjaka Persia, le namita ty tsara ze naboa ty vava ndre Jeremia, vaho
nivola ty fagnahy Kyrosy ty Yaveh. Niboake nifeno ty fanajakane iaby ty feo Kyrosy. Ezao ro voasoratse naho
vitatsara: 2"Kyrosy, mpanjaka Persia,le mivola tihoe: Yaveh, Zagnahare ty lagnitse, ro magnomey ahy ty fanjaka
iaby amity tane, vaho ntingy ahy hagnore tragno a Jerosalema agne a Joda agne ho aze.3Ndre ia ndre ia bakamity
vahoane( lonike hiarake aze ty Zagnaharane) le afake miboake a Jerosalema agne vaho hagnore tragno ho ahy
Yaveh, Zagnahare Israely, iaze Zagnahare ze ahy Jerosalemay. 4Ty ndaty ze agnate ty fanjaka ze nitoboha sisa velo
reo amignize tane zay ao le tokone hagnomey iereo volafoty naho volamena, hanagna naho biby, vaho raketse
sitrampo ho ahy ty tragno Nagnahare a Jerosalema agne."5Bakeo nitsanga loha razagna longo dre Joda naho

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Benjamina reo, mpisoro naho Levita reo, vaho ty iaby ze nindese Nagnahare ty fagnahine mba handeha naho
hagnore ty tragnone. [6]Nagnody aze reo le nanoha ty sata gniereo tamity zaka volafoty naho volamena, hanagna,
biby, zaka soa, vaho raketse.[7]Naboa gny Kyrosy mpanjaka avao kea zaka tan-tragno gn'Yaveh ao ze nindese
Nebokadnezara baka Jerosalema agne reo vaho napone tamity tragno Zagnaharene avao reo. [8]Napo gny Kyrosy
tan-tagna Mitredata ao mpagnajary vola reo, ze nagnisake reo ho ahy Sesbazara, miparitake ahy Joda zay.[9]Intoa
ty isa gnireo: kovete volamena telopolo, koveta volafotsy arivo, koveta sive amby ropolo hafa, [10]finga jobo
volamena telopolo, finga jobo volafoty 410, vaho zaka hafa arivo fagnampene. [11]Nisy enta atragno 5400volamena
naho volafoty laha aharo. Nindese Sesbazara iaby rei lahafa niala baka a Babylona agne nimba Jerosalema mbeo
sesentane reo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Intoa iaby ndaty tagne reo amity faretane ze niboake bakamity fagnadevoa i Nebokadnezara mpanjaka, ze nanao sesetane iereo ta Babylona agne, ndaty ze nihere tagne amity tana gniereo reo kiraidraike a Jerosalema agne naho a Joda agne. [2]Niavy niarake tamy Zerobabela, Josoa, nehemia, Seraia, Relaia, Mordekay, Bilsana, Mispara, Bigvay, Rehoma, vaho Bana iereo. Intoa ty isa ndaty ty vahoa Israely reo.[3]Foko Parosy reo le: 2.172. [4]Foko Sefatia reo le: 372. Foko i Ara reo le: 775. [6]Foko Pahatamoaba reo, bakamy Jesoa naho Joaba le: 2.812.[7]Foko Eliama reo le: 1. 254. [8]Foko i Zato reo le: 945. [9]foko Zakay reo le: 760. [10]Foko Bany reo le: 642[11]Foko Bebay reo le: 623. [12]Foko Azgada reo le: 1.222. [13]Foko Adonimaka reo le: 666. [14]Foko Bigvay reo le: 2.056.[15]Foko Adina reo le: 454. [16]Ndaty Atera reo, bakamy Hezekia le: valo amby sivampolo. [17]Foko re Bezay reo le: 323. [18]Foko re Jora reo le: 112.[19]Ndaty Hasoma reo le: 223. [20]Ndaty Gibara reo le: dime amby sinvampolo. [21]Ndaty Betlehema reo le: 123. [22]Ndaty Netofa reo le: enegnamby dimanpolo.[23]Ndaty Anatota reo le: 128. Ndaty Azmateva reo le: roe amby efapolo. [25]Ndaty Kiriat-Arima reo, Kefira vaho Berota reo le: 743. [26]Ndaty Rama naho Gaba reo le: 621.[27]Ndaty Mikmasy reo le: 122. [28]Ndaty Betela naho Ay reo le: 223. [29]Ndaty Nebo reo le: roe amby dimanpolo. [30]Ndaty Magbisy reo le: 156.[31]Ndaty Elama hafa reo le: 1.254. [32]Ndaty Harima reo le: 320. [33]Ndaty Loda reo, Hadida, vaho Ono reo le: 725.[34]Ndaty Jeriko ro le: 345. [35]Ndaty Sena reo le: 3.630[36]Mpisoro reo: foko Jedaia bakamity longo Jesoa reo le: 973. [37]Foko Imera reo le: 1.052. [38]Foko Pasora reo le: 1.247. [39]Foko Harima reo le: 1. 017.[40]Levita reo: foko Jeosa naho Kadmiela reo, foko Hodavia reo le: efatse amby fitompolo. [41]Mpiantsa an-piangona reo, foko Asafa reo le: 128. [42]Foko mpiambe vavahady reo: foko Saloma reo, Atera, Talmona, Akoba, Hatita, vaho Sobay reo le: 139 ty fiharoane.[43]Reo ze tiningy hanompo amity fiangona ao le: foko Ziha reo, Hasofa, Tabaota, [44]Kerosa, Siaha, Padona, [45]Lebana, Hababaha, Akoba, [46]Hagaba, Salmay, vaho Hanana.[47]Foko Gildela reo le: Gahara, Reaia, [48]Rezina, Nekoda, Gazama, [49]Oza, Pasea, Besai, [50]Asna, Meonita vaho Nefisita.[51]Foko Bakboka: Hakofa, Harora, [52]Bazlota, Mehida, Harsa, [53]Barkosa, Sisera, Tema, [54]Nezia, vaho Hatifa.[55]Foko mpanompo Solomona reo le: foko i Sotahy reo, Sofereta, Peroda, [56]Jala, Darkona, Gidela, [57]Sefatia, Hatila, Pokereta-Hazebaima, vaho i Amy. [58]392 ty fiharoa ty foko gnireo ze tiningy hanompo amity tempoly ao naho foko mpanompo Solomona reo.[59]Reo ze nagnega ani Tela-Mela, Tela-Harsa, Keroba, Adana vaho Imera-nefa tsy afake ty hagnamare razagniereo reo bakamy Israely [60]le mbo agnate izay foko 652 ahy Delaia reo, Tobia, vaho Nekoda.[61]Bakamity foko mpisoro reo avao kea le: foko Habaia reo, Hakoza, Barzilay (ze nagalake valy ty anak'ampela Barzilay bakagne Gileada vaho kinaike tamity agnara gniereo.) [62]Nila ty rake ty tetiarane iereo, nefa tsy nahisake izay, kea le voaroake hanahake ty maloto tamity fisorogna gniereo. [63]Kea natalily ty governora tamy gniereo fa tsy mahazo mihina amy soro masy reo iereo zisimpagnekea ty mpisoro raike ze minday ty Orima naho Tomina.[64]Ty fiharoa ty vondro iaby le niisake 42. 360, tsy agnate gnizay mpanompo gniereo reo naho ty anak'ampela gniereo (ireo le niiake 7. 337) vaho lahilahy reo naho ampela mpiantsa ty fiangona gniereo (Niisake roanjato).[66]Ty sovaly gniereo le: 736. Ty amponga gniereo le: 245. [67]Ty rameva gniereo le: 435. Vaho ty biriky gniereo le: 6. 720.[68]Lahafa nindeha tamity tragno gn'Yaveh ta Jerosalema agne iereo, le nagnomey zaka antsitsapo reo bevata ty patriaka hagnoregna i tragnoy. [69]Nagnomey ze afane amity petra-bola ty asa gniereo: darike volamena agnarivone naho enegnale, mane volafoty dime arivo, vaho siky fisorogna zato.[70]Kea mpisoro reo naho Levita reo, ty vahoake, mpiantsa ty fiangona reo naho mpiambe vavahady reo, vaho reo ze tiningy hiasa ty fiamgona le nitoboke tamy tanane reo. Ty ndaty iaby ta Israely ao le tamy tanane reo ao iaby.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Tamity vola fahafito lahafa baka nihere ta ntanane ao iaby ty vahoa Israely, ro nivoria gniereo ho raike ta Jerosalema ao. [2]Niala kea nagnamboatse ty alitara ty Zagnahare Israely ty Jesoa anake lahy Jozadaka naho mpisoro rahalahine reo, vahoZerobabela anake lahy Sealtiela, miarakamy rahalahine hagnomey raketse oroa magnorike ty linily amity lily ndre Mosesy ao, iaze lahilahy Nagnaharey.[3]Le napo gniereo tamity fitobohane eo ialitaray, fa nahazo iereo ty tahotse naho ty amity ndaty itaney. Nagnomey raketse oroa ho ahy Yaveh vaho mangaratignana naho tamity hariva iereo. [4]Niambe ty hafalea ty fialofa avao kea iereo manahake ty sinoratse vaho nagnomey raketse oroa isan'andro isan'andro manahake ty lily, manahake ty zaka anoe isan'andro iaby. [5]Laha izay, le nisy ty raketse oroa andavan'andro naho isam-bola vaho raketse ho ahy hafalea gn'Yaveh reo fa voatingy iaby, miarakamy raketse antsitsapo iaby reo.[6]Nanomboke nagnomey raketse oroa ho ahy gn'Yaveh iereo ty andro voalohane tamity vola fahafito, ndra le tsy mboe tsisy fotone aza ty fiangona. Kea le nagnomey gniereo volafoty iaby mpanao vato reo naho mpanao taon-jaka reo, [7]vaho namea gniereo hane, zaka inome, naho menake ty vahoa gny Sidona naho Tyro, le ninday hetae sedera tandriake egne baka Libanona agne kea zisikagne Jopa iereo, manahake ty nagnomeza gny Kyrosy, mpanjaka gny Persia lala iereo.[8]Vaho tamity vola faharoe tamity tao faharoe tafara ty nandehana gniereo tan-tragno Nagnahare ta Jerosalema ao, ro nanomboke niasa ty Zerobabela, ty Jesoa anake lahy Jozadaka, mpisoro reo sisa, Levita reo, vaho reo ze niavy bakamity fagnadevoa nihere ta Jerosalema. Nitingy Levita ropolo tao miakatse reo iereo hagnaramaso ty asa ty tragno gn'Yaveh. [9]Napo Jesoa hagnaramaso ty ndaty manao ty asa fagnoregna ty tragno Nagnahare anane lahilahy reo naho rahalahine reo, ty Kadmiela naho anane reo, vaho foko Joda reo. Niarake tamy gniereo avao kea foko Henadada reo, ty fokone, vaho Levita ragnene reo.

[11]Niantsa fidera naho fisaora ho ahy gn'Yaveh iereo tihoe: "Soa re! Maharetse zisikagne ty fagnekea matoky amy Israely." Nikoriakoriake mafe taman-koram-kafalea ho firengea ani gn'Yaveh ty vahoake iaby fa vita ty fototse itoboha ty fiangona.[12]Feie maro tamy mpisoro reo, Levita, loha ty mpitarike, vaho zokeondaty ze nahisake ty tragno voalohane ro nitagny mafe, lahafa vitapetake tagnoloa ty maso gniereo eo ze fototse ioregna ze tragno zay. Fa maro ty nikorake hafalea taman-kafalea vaho tamity feo mikoriakoriake. [13]Voka gnizay, tsy nahay nitingy ty feo falefale naho mitsamboatsamboa tamy feo gnodaty mitagny reo ty vahoake, satria nikoriake mafe taman-kafalea bevata ty ndaty, vaho rey bake lavitse egne vatane ifeoy.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Vaho ilane reo tamity rafe i Joda naho Benjamina le naharey fa ty vahoake ze nanoe sesetane le magnore
tempoly ho ahy gn'Yaveh, iaze Zagnahare Israely te amizao oy. [2]Kea nagnato andre Zerobabela naho loha ty foko
ty raza gniereo reo. Hoe iereo tamy gniereo tihoe: "Engaho zahay hagnore hiarake aminao, fa satria, mila ty
Zagnaharegnareo, manahake anareo zahay, vaho nanao soro ho aze zisikamity andro nindaisa ndre Esara-
hadona, mpanajaka Asyria, anay tamity pilasy toy eto."[3]Fa i Zerobabela, Jeosa, vaho loha ty foko ty razambey
gniereo nanao tihoe: "Tsy inareo, fa izahay ro tsy maintsy magnore ty tragno ty Zagnaharenay, satria zahay ro
hagnore ho ahy Yaveh, Zagnahare Israely, magnorike ty nandilia Kyrosy mpanjaka Persia."[4]Kea nampaleme
vahoake reo ty tane Jordiana; nampatahore gniereo ty hagnore Jodiana reo. [5]Sinafosafo gniereo avao kea ty
mpanoro sae haharava ty fila gniereo. Zisike ty andro Kyrosy iaby naho tamity fanjaka Dariosy mpanjaka Persia
iereo ro nanao izay. [6]Vaho tamity fanomboha ty fanjaka Ahasoerosy le nanoratse fanara any ndaty Joda naho
Jerosalema iereo.[7]Tamy andro Ahaseorosy ro nanorata Bilslama, Mitreadata, Tabela, vaho ragnene reo ho ahy
Ahasoerosy. Sinoratse tamity Aramaika ty taratasy vaho sinoratse. [8]Rehoma mpifehe naho ty Simsay mpanora
dily le nanoratse mikasike Jerosalema ho ahy Artaksersesy.[9]Bakeo ty Rehoma, Simsay, vaho ragne iereo reo, ze
mitsara naho manan-kasy hafa tamity governemanta, baka Ereka, Babylona, vaho Sosa bakagne Elama le
nanoratse taratasy-[10]miarakamy vahoake reo ze sinere Asnapara bevata naho manan-kasy hitoboha ta Samaria
agne, niarake tamy reo ze tavela ze tamity Faretane Andafe ty Rano agne.[11]Intoy le soratse mitovy amy iaze
soratse nalefa tamy Artaksersesy: "Mpanompognao reo, ndaty bakamity Faretane Andafe ty Rano, ro manoratse
izao: [12]Ao ty mpanjaka hahay fa Jiosy reo ze bakagne aminao le avy handietse anay a Jerosalema atoy mba
hagnore tana mpivory. Iereo le nanampe ty lakoro vaho nagnamboatse ty fototse.[13]Vaho ao ty mpanjaka hahay fa
laha vita ore ze tana zay vaho vitafempe ty lakoro, le tsy hagnomey haba naho hetra iereo, fa hagnisy raty
mpanjaka reo.[14]Tena izay vatane satria nihina tamity sira ty lapa zahay, ka tsy mete aminay ty hahisake ty
fahafaham-baraka hisy amity mpanjaka. Naho izay ro hampahaiagnay ty mpanjaka [15]hila ty firaketse antsoratse
ty raenao vaho hagnamare fa tana mpivory ze hagnisy raty ty mpajaka naho farene reo. Nahavy ndaty maro ho
ahy ty mpajaka naho faretanene reo zay. Fipoira ty fivoria hatre niela io. Naho ze antone zay ro naharava itanay.
[16]Mampahay ty mpanjaka zahay fa laha vita ore otana ao naho lakoro o, le tsy hisy ndre ino ndre ino ho sisa ho
anao amity Faretane Andafe ty Rano ao.[17]Kea nandefa ntoimbola tamy Rehoma agne naho Simsay vaho ragnene
reo ta Samaria ao naho sisa ze tamity Faretane Andafe ty Rano ty mpajaka ao reo tihoe: "Lonike ty Fiadagna ho
anareo. [18]Ty taratasy ze nalefagnareo ho ahy le fa vitaosratse vaho vinaky tamiko. [19]Kea nampagnotane raho vaho
nahay fa tamity andro taloha le fa nivory nandietse mpajaka reo iereo.[20]Mpajaka mafe reo le nandily tamy
Jerosalema eo vaho nana fahefa tamity zaka iaby tamity faretane Andafe ty Rano. Naloa tamy gniereo ty haba
naho hetra reo. [21]Amizao, manova lily ho ahy lahilahy reo hampijano naho tsy hagnore tanao iereo
zisimpanovako lily. [22]Miambena tsy hanao tsisy dikane izay. Nanao akore ze fandrobaha zay ro enga hitombo ka
ho fanteantoke maro ho ahy ty hasoa ty fanjaka?[23]Lahafa vinaky tagnoloa ndre Rehoma eo, Simsay, vaho ragnene
reo, ty lily ndre Artakersesy Mpajaka, le niboake ani Jerosalema malaky iereo vaho nanere Jiosy reo hampijano ty
fandiera. [24]Kea nijano ty asa fanova ty tragno Nagnahare ta Jerosalema ao mandra piavia ty tao faharoe ty
fanjaka Dariosy mpajaka Persia.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Vaho Hagay mpitoky naho Zakaria anake lahy ndre Ido mpitoky le nitoky tamity agnara ty Zagnahare Israely
tamy Jiosy reo ta Joda ao naho Jerosalema ao. [2]Nitsanga Zerobabela anake lahy Seatiela naho Jeosoa anake lahy
Jozadaka vaho nanomboke nagnamboatse ty tragno Nagnahare ta Jerosalema ao niarake tamy mpitoky ze
nagnahere iereo reo.[3]Bakeo ty Tatenay governora ty Faretane ta Andafe ty Rano, Setara Bozanay, vaho mpirae lia
amine reo le niavy vaho nivola tamy gniereo tihoe: "Ia ty nandily anareo hagnamboatse tragno o naho hamita
lakoro reo? [4]Hoe avao kea iereo tihoe: "Ia iaby ty agnara lahilahy nagnamboatse otragno? [5]Fa ty maso Nagnahare
le tamy lohandoha Jiosy reo eo vaho tsy nanaka iereo ty rafe gniereo. Niambe taratasy hindeha amity mpajaka
agne naho lily hihere amy gniereo mikasike izay iereo.[6]Intoy ty dika mitovy itaratasy Tatenay, governora ty
Faretane ta Andafe ty Rano agne, naho Setera Bozenay vaho mpirae miasa tamine tamity Faretane ta Andefe ty
Rano, ze nalefa gniereo ho ahy Dariosy mpanjaka. [7]Nandefa tsara iereo, nanoratse raho ho ahy Dariosy mpanjaka
tihoe: "Lonike ho anao ty fiadagna iaby.[8]Ao ho hay ty mpajaka fa zahay le nimba Joda mbeo ho amity tragno
Nagnahare bevata agne. Izay le haore amy vato bevata reo naho hetae mateve atoboke amy lakoro reo eo. Fa atao
soa vatane ty asa vaho mandeha soa an-tagna gniereo eo. [9]Nagnotane roandria reo zahay tihoe: 'Ia ty nagnomey
anareo lily hamboatse otragno o naho lakoro reo?' [10]Nagnotane ty agnara gniereo avao kea zahay hahainao ty
agnara ty lahilahy kiraidraike iaby ze nitarike iereo.[11]Namale iereo vaho nanao tihoe: 'Izahay le mpanompo iaze
raike ze Zagnahare ty lagnitse naho ty taney, vaho izahay le magnere mananga ty tragno ze namboare tao maro
taloha agne lahafa nagnore izay ty mpanjaka bevata Israely vaho nahavita izay.[12]Ndre izay aza, lahafa
nampasiake any iaze Zagnahare ty lagnitsey ty razagne, le nameane tan-tagna Nebokadnezara mpanjaka i
Babylona iereo, ze nandrobake otragno vaho nangalake ty ndaty ho sesetane ta Babylona agne. [13]Kanefa, tamity
tao voalohane naha-mpajaka Babylona ani Kyrosy, le nagnakatse lily hagnamboara ty tragno Nagnahare ndraike
ty Kyrosy.[14]Nahere ndre Kyrosy mpajaka avao kea zaka volamena naho volafoty tan-tragno Nagnahare ze nindese
Nebokadnezara bakao amity tempoly ta Jerosalema ao ho amity tempoly ta Babylona ao. Ireo le nahere tamy
Sesbazara, ze nanoene ho governora. [15]Hoe re tamine tihoe: "Rambeso zaka reo. Mandehana vaho toboha amity
tempoly a Jerosalema ao reo. Ao ty tragno Nagnahare hatsanga agne."[16]Vaho avy henaneo ty Sesbazara ka nagnisy
ty fototse ty tragno Nagnahare ta Jerosalema ao; vaho namboare zay, fa tsy mboe vita vatane.'[17]Vaho laha to ty
mpajaka, le ao ho hentea amity tragno fagnajaria a Babylona ao laha misy lily hagnamboara itragno Nagnahare a
Jerosalema ao oy bakamy Kyrosy mpanjaka ao. Le ao ty mpajaka handefa ty hevene aminay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

[1]Vaho nampagnotane tamity tragno fagnajaria a Babylona ao ty Dariosy Mpanjaka. [2]Tamity tana misy
fiaron'Akmeta ao a Mediana ao ro nahisaha foronko taratasy raike; izao ty nisoratse ao:[3]"Tamity tao voalohane
nanjaka Kyrosy Mpajaka, le nagnakatse lily mikasike ty tragno Nagnahare ta Jerosalema ao ty Kyrosy tihoe: "Ao
hatsanga ndraike ty tragno hitoboha ty soro, ao hatoboke ty fototse itobohane, ao ho enem-polo metatse ty
hahabone, vaho enempolo metatse ty velarane, [4]miarake amity vato bevata telo lala naho hetae vao lala raike,
vaho ao ty viline haloa amity tragno ty mpajaka. [5]Vaho indeso mihere ty fiasa volamena naho volafoty ze ahy
Nagnahare, ze nindese Nebokadnezara bakamity tempoly a Jerosalema agne nimba Babylona agne vaho
aheregno amity tempoly a Jerosalema ao. Iriha ro hampipoke tragno Nagnahare reo.'[6]Vaho Tatenay, governora ty
Faretse Andafe ty Rano, Setara Bozenay, vaho mpiarae miasa ze amity Faritse Andafe ty Rano, midisoa lavitse!
[7]Engaho ty asa amity tragno toy ho ahy Nagnahare raike avao. Ty governora naho roandria Jiosy reo ro hananga
ty tragno Nagnahare toy amy ze pilasy zay.[8]Mandily ty tsy maintsy hanovagnareo izao ho ahy roandria Jiosy ze
mananga ze tragno Nagnahare reo zao tihoe: Ty vola bakamity hetra ty mpanjaka baka andafe ty Rano ro hasae
hagnarama lahilahy reo hampijanogna iereo ty asane. [9]Ndre ino ndre ino paia-anak'agnombe, agnodry lahy, na
anak'agnodry ho ahy ty raketse oroa ho ahy ty Zagnahare ty Lagnitse, vare, sira, divae, na diloilo manahake ty lily
mpisoro reo a Jerosalema ao-le ameo iereo isan'andro tsy tampake zaka reo. [10]Anovo zay mba hindaisa gniereo ty
raketse ho ahy ty Zagnahare ty Lagnitse ka hivavake ho ahy, mpanjaka, naho anagnao reo.[11]Vaho mandily raho fa
ndre ia ndre ia mandika olily io, le tsy maintsy hagnafaha maso ambe raike ty amity tragnone ao vaho tsy
maintsy hizare fako mivorivory naho izay ty tragnone. [12]Vaho Zagnahare ze nahavy ty agnarane hitoboke eo
lonike handroba ze mpajaka na ndaty ze manondro tagna hanova ze lily zay, na hanimba ze tragno Nagnahare
zay a Jerosalema ao zay. Iraho, Dariosy, ro mandily izay. Ao hatao ampahazotoa zay!"[13]Vaho naho ty lily nalefa
ndre dariosy mpajaka, ty Tateanay, iaze governora ty Faretse Andafe ty Rano, naho Setera Bozenay naho mpirae-
miasa amine, le nanao ze iaby iaby nandilia dariosy Mpajaka. [14]Ka le nananga manahake ze natoro ndre Hagay
naho Zakaria tamity fitokia roandria Jiosy reo. Natsanga gniereo manahake ty lily nagnahare Israely naho
Kyrosy, Dariosy, vaho Artaksersesy, mpanjaka Persia zay. [15]Le vita ty tragno tamity andro fahatelo ty vola Adara,
tamity tao fahene nanjaka Dariosy Mpanjaka.[16]Finete ty fanokana ze tragno Nagnahare zay tamity hafalea ty
vahoake Israelita, mpisoro reo, Levita reo, vaho reo ze tavela tamy ndevo reo. [17]Nagnomey agnombe zato,
agnodry lahy zato, vaho anak'agnodry efajato ho ahy ty fanokana ty tragno Nagnahare iereo. Aose lahy roe
ambine folo avao kea ro namea ho raketse naho ty hadisoa ho ahy Israely iaby, raike isake ty foko ta Israely agne.
[18]Nitingy mpisoro reo naho Levita tamity fizara gnasa ho ahy ty fanompoa a Nagnahare a Jerosalema ao avao kea
iereo, manahake ty vitasoratse tamity Boki ndre Mosesy ao.[19]Vaho reo ze baka antsesetane agne le namete ty
Paska tamity andro fahefatse ambiny folo ty vola voalohane. [20]Mpisoro reo naho Levita iaby reo le nagnalio ty
vatane vaho namono ty soro ty Paska ho ahy reo ze baka antsesetane agne iaby, nama izay iereo.[21]Ty vahoa
Israely ze nihina tamity hena ty Paska le reo ze nihere baka an-tsesetane agne naho nanarake ty vatane tamity
halotoa ty vahoake ty tane vaho nila ani Yaveh, Zagnahare Israely. [22]Nifale tamity hafalea ty
fitsamboatsamboagna ty Mofo tsy misy masirasira zisike ty fito tao iereo, satria ty Yaveh le fa ninday hafalea
tamy gniereo vaho nagnova ty fo ty mpajaka Asyria mba hagnantajake ty vata gniereo tamity sata ty tragnone, le
iaze tragno ty Zagnahare Israely.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

# Chapter 7

[1]Vaho tafara gnizay, zisike ty nanjaka ndre Artaksersesy mpanjaka Persia, le niboake bakagne Babylona ty Ezra.
Razagna gny Ezra reo le i Seraia, Azaria, Hilklay, [2]Saloma, Zadoka, Ahitoba, [3]Amaria, Azaria, Meraiota,
[4]Zerahia,Ozy, Boky, Abisoa, Finehasa, Eleazara,ze anake lahy ndre Arona mpisorombey.[6]Niboake bakagne
babylona ty Ezara vaho ire le mpanora-dily mahay soa ty lily ndre Mosesy,ze fa namea gn'Yaveh, Zagnahare
Israely. Namea ty mpanjaka aze ze iaby nangatahane satria niarake ty tagna gn'Yaveh re. [7]Ty ilane tamy foko
Israely reo naho mpisoro reo, Levita, mpiantsa ty tempoly, mpiambe vavahady, vaho reo ze tinendre hanompo
tan-tempoly ao le niboake ta Jerosalema ao avao kea tamity tao fahafito ambine folo nanjaka ndre Artaksersesy
Mpanjaka.[8]Le niavy ta Jerosalema agne tamity vola fahadime tamo tao o avao re. [9]Niala ta Babylona ao tamity
andro voaloha ty vola voalohane re. Tamity andro voaloha ty vola fahadime ro niaviane ta Jeroslema ao, satria
niarake ty tagna soa Nagnahare re. [10]I Ezra le nampipoke ty fogne hianatse, hagnefa, vaho hagnanatse lily reo
naho lily ty lily gn'Yaveh.[11]Ezao ty lily ze namea gny Artaksersesy mpanjaka andre Ezra mpisoro naho mpanora-
dily ty lily aman-dily gn'Yaveh ho ahy Israely: [12]"Artaksersesy Mpanjaka ty mpanjaka, ho andre Ezrampisoro,
mpanora dily ty lily Nagnahare ty lagnitse. [13]Iraho le mandily fa ty ndaty iaby baka Israely ao amity fanjakako
miarake amy mpisoro reo naho Levita gniereo ze magniry ty hindeha ho a Jerosalema agne, le afake miarake
aminao.[14]Iraho, mpajaka, naho mpanoroko fito reo, le magnirake anareo iaby hagnotane mikasike andre Joda
naho Jerosalema manahake ty lily Nagnahare, ze an-tagnanao eo. [15]Tsy maintsy indesegnareo ty volafoty naho ty
volamena ze fa namea gniereo malalake tamity Zagnahare Israely,ze a Jerosalema agne ty fitobohane. [16]Ameo
malalake ty volafoty naho ty volamena iaby ze namea ty Babylona iaby niarake tamy ze fa namea ty vahoake
naho mpisoro reo malalake ho ahy ty tragno Nagnahare a Jerosalema agne.[17]Kea miviliana agnombe, agnodry
lahy naho anak'agnodry, vaho raketse hohane naho raketse nome maro vatane. Ameo amity alitara eo ze amity
tragno ty Zagnaharenao ao a Jerosalema agne reo. [18]Ambe volafoty reo naho volamena le anovo ze hisagnao fa
soa ho anao naho rahalahinaoreo, hamalefale ty Zagnaharenao.[19]Atoboho agnoloane eo ho ahy ty asa fiasa amity
tragno Nagnahare a Jerosalema agne zaka ze namea anao malalake reo. [20]Ze zaka hafa iaby paia ho ahy ty tragno
ty Zagnahare ilaenao, le alao amity fagnajarian-bolako ao ty vilignizay.[21]Iraho, Artaksersesy Mpajaka, le manao
lily ho ahy mpagnajary vola amity faretse Andafe ty Rano agne reo, fa ty zaka iaby ze angatahe ndre Ezra aminao
le tokone hamea iaby, zisikamity talenta volafoty zato, vare zato kora, divae zato vata, vaho diloilo zato vata,
[22]vaho kea sira tsy misy farane. [23]Ze zaka iaby bakamity lily ty Zagnahare ty Lagnitse, le anovo miarake amity
fagnomezan-tegnane zay. Fa nanao akore ty siane ro ho avy amity fanjakako eo naho anake lahy reo?
[24]Ampahaienay iereo ty mikasike anao ze tsy hila haba na hetra amy mpisoro iaby reo, Levita reo, mpititike
zakamagneno reo, mpiambe vavahady reo, na amity vahoake tiningy ho amity asa ty tempoly eo vaho
mpanompo ty tragno ze Zagnahare zay.[25]Nao Ezra, amity fahendrea ze fa namea Nagnahare anao, le mitingy
mpitsara naho ndaty lalen-tsae hiasa vahoake iaby reo amity faretane Andafe ty Rano agne, vaho hiasa ty ndaty
ze mahay ty lily Nagnaharenao. Magnanara reo ze tsy mahay ty lily avao kea. [26]Faizo ty ndaty ze tsy magneke
vatane ty lily Nagnahare na ty lily ty mpajaka, na amity fate, na fandroaha, fandania ty hanagna gniereo, na
hagadra.[27]Mirengea ani Yaveh, Zagnahare ty rzantika, ze nagnisy ze iaby tan-po ty mpajaka hamen-kasy ty tragno
gn'Yaveh a Jerosalema agne, [28]vaho ze nagnomey ty fagnekea mafe tamiko tagnoloa ty mpajaka eo, mpnoro sae
reo, vaho manan-kasy mafe iaby reo. Fa nihamafese tamity tagna gn'Yaveh Zagnahareko raho, vaho namory
mpitarike baka Israely agne hiarake amiko.

Chapter 8Intoa iaby mpitarike ty longo ty raza gniereo ze nagnega ani Babylona niarake tamiko zisike ty fanjaka ndre Artaksersesy.

2 Amity foko ndre Finehasa, le i Gersona. Amity foko ndre Itamara, le i Daniela. Amity foko ndre Davida, le re
Hatosy, 3 ze bakamity foko ndre Sekania, ze bakamity foko Parosy; vaho Zakaria, vaho nisy lahilahy 150vitaisake
tamity rake ty teterane niarake tamine. 4 Amity foko ndre Pahata-moaba, le Elihoenay anake lahy ndre Zerahia
vaho niarake tamine le nisy roanjato lahy. 5 Amity foko Sekania, le Beni-Jahaziela vaho niarake tamine nisy
telonjato lahy. 6 Amity foko Adina, le Ebeda anake lahy ndre Jonatana vita isake. 7 Amity foko Elama, le Jesaia
anake lahy Atalia vaho niarake tamine nisy fitompolo lahy vitaisake. 8 Amity foko Sefatia, le Zebadia anake lahy
Mikaela vaho niarake tamine nisy valompolo lahy vita isake. 9 Amity foko Joaba, le Obadia anake lahy Jehiela vaho
niarake tamine nisy 218lahy vita isake. 10 Amity foko Selomita anake lahy Josifia le nisy 160lahy vita isake niarake
tamine. 11 Amity foko re bebay, le Zakaria anake lahy ndre Bebay vaho nisy valo amby ropolo lahy vita isake
niarake tamine. 12 Amity foko ndre Azgada, le Johanana anake lahy ndre Hakatana vaho nisy 110lahy vita isake
niarake tamine. Reo ze bakamity foko Adonikama ro niavy tafara atoy. 13 Intoa iaby ty agnara gniereo:Elifeta,
Jeiela, Semaia, vaho niarake tamy gniereo nisy enempolo lahy. 14 Amity foko re Bigvay, le Otahy, naho re Zaboda
vaho nisy fitompolo lahy vita isake niarake tamine. 15 Navoriko mpandeha reo tamity lakandrano ze mba Ahava
mbeo, vaho nivory telo andro teo zahay. Nagnotane ty vahoake nahompisoro reo, nefa tsy nahisake foko Levy tao
mihintsy. 16 Le nampikaike andre Eliezera, Ariela, Semaia, Elnatana, jariba, naho Elnatana naho Natana, Zakaria,
vaho Mesolama-ze mpitarike-vaho andre Joariba naho Elnatana-ze mpagnanatse raho. 17 Magnarake izay le
niraheko ho amy Ido agne, mpitarike a Kasifia ao reo. Natalilko iereo ho volagne amy Ido naho longone reo,
mpanompo ty tempoly mitoboke a Kasifa agne reo, le ty, handefasa mpanompo ho ahy ty tragno ty Zagnahare ho
aminay atoy. 18 Le nandefa lahilahy raike kaihe tihoeke Serebia, lahilahy maly tamignay tamity tana soa
Nagnahare ierero. Ire le foko ndre Maly anake lahy ndre Levy anake Israely. 19 Niavy niarake tamity anake lahy
naho rahalahy valo ambiny folo re. Niavy niarake tamine ty Hasabia. Nisy andre Jesaia, raike amy anake lahy
ndre Merary reo, niarake tamy rahalahine reo naho anake lahy gniereo avao kea ierero, ropolo lahy ty fiharoane.
20 Amy reo ze tiningy hanompo an-tempolo ao, ze namea ndre Davida naho manan-kasy reo hanompo any Levita
reo le: 220, sambe tiningy tamity agnarane iaby. 21 Le natalily fifalian-kane tamity Lakan-drano Ahava raho hivola
ty vatagnay agnoloa Nagnahare eo, mba hila lala mahity bakamine ho anay, ty kolo mboe kele, vaho hanagnane
reo iaby. 22 Megnatse ty hangatake miaramila na mpitikitsovy tamity mpanjaka mba hiaro anay amy fahavalo reo
tan-dala egne raho, satria fa nivola tamity mpajaka zahay tihoe: 'Ty tagna Nagnahare le amy ze iaby ze mila aze
amity soa, fa ty herene naho ty siane le amy iaby ze magnaligno aze.' 23 Kea nifaly hane naho nila a Nagnahare
mikasike izay zahay, vaho nangatake tamine. 24 Magnarake izay le nitingy lahilahy roe ambine folo tamy manan-
kasy reo ty fisorogna raho; Serebia, Hasabia, vaho folo tamity rahalahy gniereo. 25 Nandanja volafoty, volamena,
vaho zaka naho raketse ho ahy ty tragno Nagnahare ze namea ty mpanjaka, mpanoro sae reo naho manan-kasy,
naho reo ze namea ty Israely iaby avao hoe iereo raho. 26 Le nandaja talenta volafoty 650, talenta zaka
volafotyzato, talenta volamena zato, 27 finga volamena ropolo ze nipolololotse agnarivone, vaho kojakoja varahy roe
namirapiratse soa ze sarobily manahake ty volamena tan-tagna gniereo eo raho. 28 Le hoe raho tamy gniereo tihoe:
"Natoka ho ahy gn'Yaveh nareo, vaho zaka retoa avaokea, naho ty volafoty vaho ty volamena le raketse antsitrapo
ho ahy Yaveh, Zagnahare ty razagnareo. 29 Ambeno reo vaho ambeno zisim-pandajagnareo ze agnoloa ty manan-
kasy eo ty fisorogna, Levita, vaho mpitarike reo ty foko ndraza gn'Israely a Jeorsalema ao amy efetse reo ty tragno
Nagnahare". 30 Nagneke ty volafoty, volamena, naho zaka vita lanja mpisoro reo naho Levita reo mba hindaisa
gnizay a Jerosalema agne, antragno ty Zagnaharenay ao. 31 Niboake bakao amity Lakan-drano ndre Ahava zahay
tamity andro faharoa ambine folo ty vola voalohane mba hindeha ho a Jerosalema agne. Tamignay eo ty tagna ty
Zagnaharenay; niaro anay tamity tagna ty fahavalo naho ndaty reo zenagniry ty hanafike anay tampoke tan-dala
egne re. 32 Le nilitse ta Jerosalema agne zahay vaho nitoboke tao zisike ty telo andro. 33 Vaho tamity andro fahefatse
le binata tan-tragno Nagnahare ao tan-tagna ndre Meremota anake lahy ndre Oria mpisoro teo ty volafoty,
volamena, naho zaka reo, vaho niarake tamine Eleazara anake lahy ndre Finehasa, Jozabada anake lahy ndre
Jesoa, vaho Noadia anake lahy ndre Binoy iaze Levitay. 34 Misy farane ty isake naho ty vesa ty zaka iaby. Sinoratse
iaby ty vesatse iaby tamy ze andro zay. 35 Ndaty ze nihere bakamity fagnadevoa reo, ty ndaty vita sesentane , le
nagnomey raketse oroa ho ahy Zagnahare Israely: agnombe roe ambiny folo ho ahy Israely iaby, agnodry lahy
ene gnabamby sivampolo, anak'agnodry fito amby fitompolo, vaho aose lahy roe amby folo ho raketse naho ty
hadisoa. Raketse oroa ho ahy gn'Yaveh iaby ro. 36 Le namea gniereo ho ahy manan-kasy ty mpanjaka ambone naho
governora reo tamity faretse Andafe ty Rano ty lily ty mpanjaka, vaho nagnampe ty vahoake naho ty tragno
Nagnahare iereo.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 9

1Lahafa vita zaka reo, le nagnato ahy manan-kasy reo vaho nanao tihoe: "Ty vahoa Israely, mpisoro reo, vaho
Levita reo le tsy nanarake ty vata gniereo tamy ndaty reo baka an-tane hafagne naho ty haratiane: le Kananita
reo, Hitita, Perizita, Jebosita, Amonita, Moabita, Egyptiana vaho Amorita.
3Lahafa naharey izay raho, le nandriatse ty sikiko naho ty ankajo lavako ka nagnombotse ty volondohako, vaho
nitoboke, potepoteke. 4Iaby reo ze nampatahotse tamity tsara ty Zagnahare Israely mikasike ze tsy fitokia zayle
nivory tamiko eo laha ire nitoboke am-pimegnara zisikamity raketse hariva igne raho.5Fa tamity raketse hariva le
niare bakamity pilasy ty fahafaham-barakako tamity fisikanako naho ty akanjoko lava driatse raho, kea
nandohalike vaho namelatse ty tagnako ho amy gn'Yaveh Zagnahareko. 6Hoe raho tihoe: "Zagnahareko eh,
megnatse naho maeakeake ty hanondrotse ty tareheko aminao eo raho, fa mihoatse ty lohagnay ty hadisoagnay,
vaho ty hadisoa gnay mivory zisik'andagnitse agne.7Nanomboke tamity andro ty razambegnay zisik'amizao le
tagnate hadisoa bevata zahay. Tagnate ty helognay zahay, mpanjakagnay reo, naho mpisoro gnay reo ro namea
ho an-tagna mpanjaka ty tane toy, ho amity mesobey ao, ho amity fagnadevoza eo, ho amity ndevo eo naho ty
tarehe maeakeake eo, manahake anay te henane.8Amizao nefa tagnate andro bory, le niavy taminay ty tsestse
bakamy gn'Yaveh Zagnaharenay hagnega sisa velo aminay eo ka hagnomey anay fipiteha amity fitobohane masy
eo. Ahy ty Zagnaharenay ty magnazava ty masognay naho magnomey fijanogna kele amity fagnadevoa anay. 9Fa
ndevo zahay, nefa tsy nagnaligno anay ty Zagnaharenay fa nagnitatse ty fagnekea mafe taminay. Nanao izay
tamaso ty mpanjaka ty Persia eo re hagnomey here vao ho anay, hahafagnay magnore ty tragno ty Zagnaharenay
ndraike ka hananga ty haravane. Nanao izay re hagnomezane lakoro fiaro ho anay a Joda ao naho a Jerosalema
ao.10Fa amizao kea, nao Zagnaharenay, ino ty azognay atalily afara gnizao? Nagnaligno lilignao reo zahay, 11le ty
lily ze nameanao mpitoky mpanompognoa reo, lahafa nivola riha tihoe: "I ty tane ze iliragnareo ho
hanagnanareo toy le tane maloto. Lotoe ty ndaty ty tane toy tamity haratia gniereo zay. Fineno gniereo ty halotoa
gniereo zisikagne amy iaze raikey zisikagne amity hafa zay. 12Amizao, vaho, ko amea ty ana gniereo lahy ty
anak'ampela; ko mangalake ty ana gniereo vave ho ahy ty anagnareo lahy, vaho ko mila filongoa naho
fagnampea amy gniereo, hahamafe anareo vaho hihina ty soa bakamity tane, kea hahavy ty anagnareo ho tompo
gnizay amity andro iaby."13Kanefa tafara ty zaka iaby ze nahazo anay anho ty sata ratignay naho ty hadisoagnay
bevata-satria riha, Zagnaharenay,le nintanjake ze sahaza ty hadisoagnay kea nagnega anay ho velo-14tokone
handika lilignao reo ndraike vao zahay ka hifanambaly amy vahoake vetaveta reo? Tsy ho meloke vao riha ka
handrobake anay tsy hisy tavela, tsy hisy raike ho tafalay?15Nao Yaveh, Zagnahare Israely, mare ndriha, fa tsy
ampe zahay ty sisa velo amy ze andro zao. Ingo! Intoa zahay agnoloanao eto amity hadisoagnay, fa tsy misy afake
hintsanga agnoloagnao eo naho ty amy gnizay.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Laha mboe nivavake naho nagneke hadisoa ty Ezra, le nitagny re vaho niondreke tagnoloa ty tragno Nagnahare eo. Lahilahy Israelita, kolo amanan-pela maro bey ro nitangoro tamine eo, fa nitagny mafe vatane ndaty reo. [2]Hoe ty Sekania anake lahy Jehiela foko Elama tamy Ezra tihoe: "Fa tsy natoky tamin-Nagnahare zahay vaho nanambaly ampela hafa firene reo bakamity vahoa otane hafao. Kanefa ndra le ao aza zay, le mboe misy fagnatena ho ahy Israely.[3]Kea ao zahay hanao filongoa amity Zagnaharenay handroake ampela iaby reo naho anane reo manahake ty fagnanara ty Tompo naho ty fagnanara reo ze natahotse tamy lily Nagnahare reo, vaho ao zay hoeke manahake ty lily. [4]Mitsangana, fa ze zaka zay le ho toignenao, vaho zahay le miarake aminao. Mimafesa vaho anovo zay."[5]Kea mitsangana Ezra vaho nampagnategna manan-kasy reo ty fisorogna, Levita reo, vaho ty Israely iaby hanao manahake izay. Kea le nanao fiagna magnovokovoke iereo iaby. [6]Bakeo nitsanga baka agnoloa ty tragno Nagnahare eo ty Ezra vaho nindeha tamity efe ndre Johanana anake lahy ndre Eliasiba ao. Tsy mba nihina mofo na ninon-drano re, satria nandala ty hakele ty finoa gnireo ze fa tamity fagnadevoa ao re.[7]Kea nandefa tsara ta Joda egne naho Jerosalema ho ahy ndaty nihere bakagne an-tsesetane iereo hivory a Jerosalema ao. [8]Ze iaby avy tagnate ty telo andro manahake ty fagnanara bakamy manan-kasy naho roandria reo le nafaha tamy gniereo ty hanagna gniereo iaby vaho nafaha tsy ho amity fiharoa mbey reo ze nihere baka antsesetane agne.[9]Kea nivory ta Jerosalema ao zisike ty telo andro ty lahilahy baka a Joda naho benjamina agne iaby. Izay le tamity vola fahasive vaho tamity andro faharopolo ty vola. Nitsanga tamity andro tane-bey malalake nagnoloa ty tragno Nagnahare ty ndaty iaby vaho natahotse naho itsaray naho ty ora. [10]Nitsanga ty Ezra mpisoro vaho nivola tihoe: "Fa nivalike nareo. Nanambaly ampela hafa firene nareo vaho nampitombo ty hadisoa gn'Israely.[11]Fa amizao le mirengea ani Yaveh, Zagnahare razagnareo reo, vaho anovo ty teane. Misaraha amity ndaty tompo tane naho amy ampela hafa firene reo."[12]Namale tamity feo abo ty fivoria iaby tihoe: "hanao manahake ze vinolagnao zahay. [13]Ndre izay aza, maro ndaty reo, vaho fotoa gnora zao. Tsy mana here hitsanga ambaliketoy zahay, vaho izay le tsy sata raike ndre roe andro avao, satria fa nanao hadisoa bevata tamy ze raraha zay zahay. [14]Kea ao ty mpandilignay hisolo tegna ty fivoria iaby. Ao ze nagnega ampela reo bakamity firene hafa hitoboke amity tanan-tika ho avy amity andro ze ho tondroe miarake amy roandria ty tana reo naho mpitsara reo amity tana zisipiala ty firehe ty sia ty Zagnaharetinka amintika." [15]Nandietse izay ty Jonatana anake lahy Asahela naho Jahaza anake lahy Tikva, vaho nanoha iereo ty Mesolama naho Sabetahy Levita.[16]Kea nanao izay ndaty reo nihere baka an-tsesetane agne. Ezra mpisoro le nifily lahilahy reo, mpitarike tamy foko reo naho longo razambey gniereo reo-tamity agnara iereo iaby, vaho nandineke ty raraha tamity andro voalohane tamity vola voalohane le nahavita namolily ze lahilahy nirae toboke tamity ampela hafa firene iereo.[18]Nisy tamy foko mpisoro reo ty nanambaly ampela hafa firene. Tamity foko Jesoa anake lahy ndre Jozadaka naho rahalahine reo le nisy andre Mahaseia, Eliezera, Jariba, naho Gedalia. [19]Kea le tampakevetse ty handroake valine reo iereo. Satria diso iereo, le nagnomey agnodry lahy tamy agnodry reo iereo naho ty hadisoa gniereo.[20]Tamy foko Imera reo le: re Hanany naho Zebadia. [21]Tamy foko re Harima reo: re Mahaseia, Elia, Semaia, Jehiela, vaho Ozia. [22]Tamy foko re pasora reo: re Elioenay, Mahaseia, Ismaela, Netanela, Jozabada, vaho Elasa.[23]Tamy Levita reo le: re Jozabada, Simey, Kelaia-ze, Kelita, Petahia,, Joda. [24]Tamy mpiantsa reo: re Eliasiba. Tamy mpianbe vavahady reo le: re Saloma, Talema, vaho Ory. [25]Tamy Israelita sisa reo-tamy foko Parosa reo le: re Rimia, Jizia, Malkia, Miamina, Eleazara, Malkia, vaho Benaia.[26]Tamy foko Elama reo le: re Matania, Zakaria, Jehiela, Abdia, Jeremita, vaho re Elia. [27]Tamy foko re zato reo le: re Elioenay, Eliasiba, Matania, Jeremita, Zabada, vaho Aziza. [28]Tamy foko Bebay reo le: re Johanana, Hanania, Zabay, vaho Atlay. [29]Tamy foko re bany reo le: re Mesolama, maloka, Adaia, Jasoba, vaho Seala Jeremota.[30]Tamity foko ndre Pahata Moaba le: re Adna, Kelala, Benaia, Mahaseia, Matania, Bezaiela, Binoy, vaho Manase. [31]Tamity foko re Harima le : re Eliezera, Jisia, Malkia, Semaia, Simeona,[32]Benjamina, Maloka, vaho Semaria.[33]Tamity foko ndre Hasoma le: re Matenay, Matata, Zabada, Elifeleta, Jeremay, Manase, vaho Simey. [34]Tamity foko ndre Bany le: re Miday, Amrama, Olea, [35]Benaia, Keloho, [36]Vania, Meremota, Eliasiba,[37]Matania, Matenay, vaho re jasao. [38]Tamity foko ndre Binoy le: re Simey, [39]Selemia, Natana, Adaia [40]Maknadebay, Sasay, Saray,[41]Azarela, Selemia, Semaria, [42]Saloma, Amaria, vaho re Josefa. [43]Tamity foko re Nebo le: re Jeiela, Matitia, Zebina, Ido, Joela, vaho Benaia. [44]Iaby reo le nanambaly ampela hafa firene vaho nanagnanake tamity ilane tamy gniereo.

# Nehemiah

Chapter 1

[1]Ty tsara i Nehemia ana ndre Hakalia: Vaho tamity vola Kisleo, tamity tao faharopolo, laha mboe tamity fiarova
mafe ndre Sosa raho, [2]le nisy raike tamy reo rahalahiko, i Hanany, ro niavy niarake tamity ndaty maromaro
bakagne joda, vaho nagnotane iereo mikasike reo Jiosy ze tafalay, naho reo Jiosy sisa tavela tagne, vaho mikasike
ani Jerosalema raho.[3]Hoe iereo tamiko tihoe: "Reo ze tafaboake velo tamity fagnandevoa agne amity faritse le
agnate fanpitahora naho fahafaham-barake bevata satria vaky nirobake ty manda i jerosalema, vaho voaoro
tamity afo ty vavahadine."[4]Vatane vaho nahare reo tsara reo raho, le nitoboke ka nitagny, vaho nalahelo naho
nifale hane vaho nivavake tamity Zagnahare ty lagnitse zisikagne raho zisike ty andro maro. [5]Le hoe raho tihoe:
"Iriha ro Yaveh, Zagnahare ty lagnitse, iaze Zagnahare bevatay sady mahaverey, ze mitanjake ty fagnekea naho
mintanjake ty fitea ho ahy reo ze tea aze vaho miambe reo liline.[6]Njigno ty fivavahako ka sokafo ty masognao,
mba hinjajignanao ty vavake ty mpanomponao ze hivavahako agnoloanao eo andro naho hale ho ahy ty vahoake
Israely mpanomponao amizao. Magneke ty hadisoa ty vahoa Israely, ze nandisoagnay taminao raho. Iraho naho
ty foko ndraeko le sambe nandiso. [7]Nanao ze tena raty taminao zahay, vaho tsy mba niambe reo lily, reo lily, vaho
reo lily ze nandilianao andre Mosesy mpanomponao.[8]Mba tadidio rie ty tsara ze nandilianao andre Mosesy
mpanomponao tihoe; "Laha tsy matoky nareo, le ho aparitako egne amy reo firene, [9]fa laha mihere amiko nareo
vaho magnorike ty liliko ka manao izay, na le niele tagne ambane ty lagnitse lavitse vatane aza ty vahoake, le
hamory iereo bakagne raho ka hinday iereo agne amity toera ze nifilieko hampitoboha ty agnarako.'[10]Vaho
mpanomponao naho ndatinao iereo, ze navotagnao tamity herenao bevata naho ty tagnano mahere. [11]Yaveh o,
mangatake aminao raho, njigno ty vavake ty mpanomponao naho ty vava gniereo mpanomponao ze magnaja ty
agnaranao zisikagne. Vaho ambino ty mpanomponao te androany, vaho feregneso amaso o lahilahy io eo reke."
Fa nanompo ho mpinday kapoake tamity mpanjaka eo raho.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Tamity vola i Nisana, tamity faharoapolo tao nanjaka ndre Artaksersesy mpanjaka, le nitingy divae reke, vaho
nangalake i divay ka nagnomey zay ho ahy ty mpanjaka. Vaho tsy mboe nalahelo tamity fagnatrehane mihintsy
raho. [2]Fa hoe ty mpanjaka tamiko tihoe: "Nanao akore ty tarehenao ro malahelo bey? Hoe tsy hisake marare nefa
riha. Mete alahelo agnarofo zane." Le lasa natahotse mafe raho.[3]Hoe raho tamy mpanjaka tihoe: "Lonike ho velo
zisikagne ty mpanjaka! Nanao akore ty tarehenao ro tsy tokone halahelo? Ty tana, ty toera ty fasan-drazako, le
rava, vaho reo lalane le poteke ty afo."[4]Le hoe ty mpanjaka tamiko: "Ino ro teanao hanoeko?" Kea nivavake tamity
Zagnahare ty lagniste raho. [5]Namale ty mpanjaka raho tihoe: "Laha soa amity mpanjaka zay, vaho laha nanao ty
soa tamasonao ty mpanomponao, le afake irahinao ho agne Joda raho, agne amy iaze tana gnireo kibori-
droaezako, mba hahafahako magnere mananga izay." [6]Le namale ahy ty mpanjaka( vaho nitoboke tagnilane eo
avao kea ty mpanjaka vave) tihoe: "Ombia ro andehananao vaho ombia riha ro hihere?" To ty mpanjaka ty
nandefa ahy lahafa nagnomey reo date n'andro tamine raho.[7]Bakeo le hoe raho tamity mpanjka tihoe: "Laha to ty
mpanjaka, le ao hisy taratasy hamea ahy ho ahy reo governora agne amity faritse Andafe ty rano mba
hagnomeza gniereo ahy alala handeha amity fare-tane gniereo amity alalako mba Joda mbeo. [8]Ao avao kea hisy
taratasy ho ahy ndre Asafa mpiambe ty ala ty mpanjaka, mba hagnomeza ahy hetae hanaova fiambe ho ahy reo
vavahdy ty fiarova mafe agnila ty tempoly, naho ho ahy ty manda ty tana, vaho ho ahy ty tragno ze hitobohako."
Kea satria tamiko ato tana soa Yaveh, le nanoe ty mpanjaka reo fangatahako.[9]Le niavy tagne amy reo governora
agne amity faritane Andafe ty rano raho vaho nagnomey reo taratasy ty mpanjaka iereo. Vaho ty mpanjaka
nandefa manan-kasy ty miaramila naho mpitikitse sovaly niarake tamiko. [10]Lahafa re ndre Sanbala Horonita
naho Tobia Amonita mpanompo zay, le meloke zisikagne reke satria nisy ndaty niavy ze nila hagnampe ty
vahoake Israely.[11]Naho izay le niavy tagne Jerolema raho tagne zisike ty telo andro. [12]Nifoha raho ty hale, iraho
naho lahilahy tsiampe ampe niarake tamiko. Tsy nivolagneko tamy n'ia na ia ze natobo Nagnahare tam-
gnarofoko mba ho atao ho ani Jerosalema. Tsy nisy biby niarake tamiko, ankoatse iaze raike ze nitikirako.
[13]Nandeha niboake tamity vavahady ty baibo raho ty hale, pariti ty loharano ty Amboahaolo naho ty vavahadin-
jezeke, vaho nagnara maso reo manda i Jerosalema, ze fa rava, vaho reo lalan-ketae le rava ty afo.
[15]Naho izay le niboake ty baibo-driake raho ty hale vaho nagnaramaso ty manda, vaho nihere naho nilitse tamity
vavahady ty loham-baibo teo, vaho nihere. [16]Tsy hay iereo mpandily ze nombako na ze nanoeko, naho tsy mboe
nampivola reo Jiosy raho, na reo mpisoro, na reo manan-kasy, na reo mpandily, na reo tavela ze nanao ty asa.
[17]Hoe raho tamy iereo ty hoe: "Hisagnareo ty loza ze mahazo antika, ty hitoeragn' i Jerosalema agnate ty hapoteha
ao naho ty vavahady ze rava ty afo. Andao, hindeha tika hagnere hananga ty manda i Jerosalema, mba tsy ho
agnate ty fahafahambaraka ao sasy tika.'' [18]Nataliliko iereo fa tamiko eo ty tagna soa Nagnahare naho ty mikasike
ty safa ty mpanjaka ze natalily tamiko. Hoe iereo ty hoe: "'Ao tika hisondrotse ka hagnore." Le nihamafese gniereo
hoahy ty asa soa ty tagna iereo.[19]Te laha fa reign' i Sanbala Horonita, naho Tobia Amonita mpagnampe, vaho
Gesema Arabo ty mikasike izay, le nagnaraty naho nagnafabaraka anay iereo, naho hoe iereo ty hoe: "Ino ty zaka
anoenareo? Miharo handietse ty mpanjaka vao nareo?" [20]Le nanoy iereo raho ty hoe:"Hagnomey hasoa anay ty
Zagnahare ty Lagnitse. Ondatine zahay naho hitsanga vaho hagnore zahay. Te nefa nareo tsy mana-anjara, na
rarene, naho fifankahazoa amity talily a Jerosalema ao."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Naho nitsanga niharo tamy reo mpisoro rahalahine ty Eliasiba mpisorombey, le namboatre ty vavahadin'
agnodry iereo. Natokagn'iereo zay naho natobone tamity fitoerane ty varavarane. Natokagn' iereo zisikagne
amity Tilikambo i Zato Lahy le zisikagne amity Tilikambo i Hananela zay. [2]Tafarane te niasa ty ndaty i Jeriko,
naho niasa tafaragn'iereo ty Zakora anadahign' i Imry.[3]Namboare reo anake lahy ndre Hasena ty vavahady ty
Hazandrano. Nanao ambe ho ahy izay iereo, naho nametrake ty varavarane, ty fihiline, naho ty barane. [4]Naho
Meremota ro nagnamboatse ty faritse nagnorike izay. Ire le anadahign' i Oria anadahign' i Hakoza. Tafaragn'iereo
ro nagnamboatse ty Mesolama. Ire le anadahign' i Berekia anadahign' i Mesezabela. Tafaragn'iereo ro
nagnamboatse i Zadoka. Ire le anadahign' i Bana. [5]Tafaragn' iereo ty Tekoita ro nagnamboatse, fa tsy nagneke
hanao ty asa nampanoe ty mpiambe aze ty mpitarign' iereo.[6]Joiada anadahign' i Pasea vaho Mesolama anadahign'
i Besodia ro nagnamboatse ty vavahady Taolo. Niambe izay iereo, naho nanao ty varavarane, ty hiline, vaho ty
barane. [7]Tafaragn' iereo ty Melatia Gibeonita vaho Jadona Meronotita, teie ndaty i Gibeona vaho Mizpa ro nanao
fagnamboara tamity faritse nitoboha ty Goverinora ty faritane manandrife ty ranobey.[8]Oziela anadahign' i Haraia
ro tagnilane eo, raike amity mpanefe volamena, ro nagnamboatse, naho tagnilane eo ty Hanania, mpanao
ranomagnitse. Nahere iereo namboare ty Jerosalema zisikagne amity rindrim-bey. [9]Tagnila iereo eo ty Refaia
anadahign' i Hora ro nagnamboatse. Ire ty mpandily ty antsansa ty distrike i Jerosalema.
[11]Malkia anadahign' i Harima vaho Hasoba anadahign' i Pahatamoaba le nagnamboatse faritse hafa magnorike ty
Tilikambo ty hetae. [12]Tafaragn' iereo le i Saloma anadahign' i Halohesy, mpandily ty antsasa ty distrike i
Jerosalema, le nagnamboatse, niharo tamy reo anak' ampelane.[13]Hanona vaho reo vahoake i Zanoa le
nagnamboatse ty vavahady ty baibo. Naore ngiereo indraike zay naho nasiane ty varavarane, ty hiline, vaho ty
barane. Nagnamboatse mira arivo metatse zisikagne amity vavahadin-Jezeke iereo.[14]Malkia anadahign' i Rekaba,
mpandily ty distrike i Beti-Hakerema, ro nagnamboatse ty vavahadin-Jezeke. Ire ty nagnamboatse zay, naho
nanao ty varavarane, ty hiline, vaho ty barane. [15]Saloma anadahign' i Kola-Hoze, mpandily ty distrike i Mizpa, ro
nagnere nagnamboatse ty vavahady ty Loharano. Ire ro nagnamboatse izay, naho nanaro zay vaho nanao ty
varavarane, ty hiline, vaho ty barane. Ire avao kea nagnere nagnamboatse ty manada ty rano i Siloa ty tagnila ty
tokotane ty mpanjaka, zisikagne amity tohatse mizotro mbaeo amity tanagn' i Davida.[16]Nehemia anadahign' i
Azboka, mpandily ty antsasa ty distrike i Beti-Zora, le nagnamboatse tamity toera mandrio amity kibory i Davida
eo, zisikagne amity rano nanoegn'ondaty, le zisikagne amity tragno ty ndaty mahere. [17]Tafarane le ty Levita ro
nagnamboatse, agnate izay ty Rehoma anadahign' i Bany, naho nagnorike aze, Hasabia, ty mpandily ty antsasa ty
distrike i Kelia, ho ahy ty distrikene.[18]Nagnamboatse tagnila ty vahoake iereo eo, tagnate zay ty Bavay anadahign'
i Henadada, mpandily ty antsasa ty distrike i Keila. [19]Tafarane, le Ezera anadahign' i Jesoa, mpandily tao Mizpa, ro
nagnamboatse faritse hafa nagnova ty fagnaniha mbaeo amity tragno fivorian-kobay tantsisy ty manda eo.
[20]Tagnilane eo le nanolo-bata nagnamboatse faritse hafa ty Baroka anadahign'i Zabay, bakeo amity sisin-drindry
zisikagne amity varavaran-tragno i Eliasiba mpisorombey. [21]Nagnamboatse faritse hafa tagnila eo ty Meremota
anadahign'i Oria anagn'i Hakoza, bakeo amity varavara tragno i Eliasiba le zisikagne amity fara ty tragno i
Eliasiba.[22]Tafarane le reo mpisoro, lahilahy bake amity faritse magnodidy i Jerosalema, ro nagnamboatse.
[23]Tafaragn' iereo le Benjamina vaho Hasoba ro nagnamboatse nanandrife ty tragno iereo arere. [24]Tafarane ty
Binoy anadahign' i Henadada le namboatse faritse hafa, bakeo amity tragno i Azaria zisikagne amity sisy ty
manda.[25]Palala anadahign'i Ozay le nagnamboatse ty aloha ty sisy ty manda vaho ty tilikambo mitohy miakatse
bakeo amity tragno abo ty mpanjaka eo amity tokotane ty mpiambe. Pedaia anadahign'i Parosy ro nagnamboatse
tagnilane eo. [26]Naho reo mpagnorike ty tempoly nitoboke tao Ofela le nagnamboatse zisikeo amity tandrife ty
vavahadin-drano antimo ty tilikambo foloay. [27]Nagnorike aze le nagnamboatse faritse hafa ty Tekoita tandrife ty
tilikambo bey zisikagne amity manda i Ofela.[28]Reo mpisoro le nagnamboatse ty tambone ty vavahadin-tsovale, ze
tandrife ty tragnone kirai-kiraike. [29]Nagnamboatse ty faritse hafa tandrife ty tragnone tagnila iereo eo ty zadoka
anadahign'i Imera. Naho nagnamboatse tagnilane eo ty Semaia anadahign'i Sekania, mpiambe ty vavahady
antignana. [30]Nagnamboatse faritse hafa tagnilane eo ty Hanania anadahign'i Selemia, vaho Hanona ty anadahy
faha ene i Zalafa. Nagnorike aze ty Mesolama anadahign'i Berekia ty nagnamboatse ty tandrife ty efen-tragnone.
[31]Tagnilane eo ty Malkia, raike amy reo mpanefe volamena, ty magnamboatse ty tragno ty mpanompo an-tempoly
vaho reo mpivarotse tandrife ty vavahady fanondroa vaho ty efetragno ambone tan-tsisine eo. [32]Reo mpanefe
volamena vaho reo mpivarotse le nagnamboatse ty eo agnivo ty efen-tragno ambone tantsisine eo vaho ty
vavahadin'Agnondry.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 4

1Naho laha fa reign'i Sanbala fa nananga ty manda zahay, le nirehetre tagnatene ao zay, naho niakatse amin-
keloke re le nandraty ty Jiosy. 2Hoe re tagnoloa reo rahalahine vaho ty tafike samaria: "Fa ino ty anoegn'ireo Jiosy
matahotse reo? Hampimpoly ty tana hoahy iereo vasane iareo? Hanolotse soro vasa iereo? Ho vita iereo agnate ty
andro raike vao ty asa? Hamelo reo vato bakamity dobom-bato tefa noroa kea vasa iereo? 3Tobia Amonita le
niarake tamine, naho hoe re ty hoe: "Laha mba nisy amboa aolo are niakatse tamy ze atsangagn'iereo, le
handrava ty manda vato iereo zay!"4Dranogno, ro Zagnaharenay, fa voaverevere zahay. Aheregno amity
lohagn'iereo avao ty firehafandraty iereo naho engao iereo ho rese agne amity tane ze higadra iereo. 5Ko manako
ty hadisoa iereo naho ko mamafa ty otane tsy ho agnoloanao eo, te nanokitse ty helo'gnity mpagnore ty manda
iereo. 6Le nantsaganay ty manda naho nitovy tamity antsasa ty halava ty manda iaby satria nagniry ty asa ndaty
reo.7Te laha reign'Sanbala, Tobia, reo Arabo, reo Amonita, naho reo Asdodita fa nandroso ty asa fagnamboara ty
manda i Jerosalema, naho le fa hihily reo toera loake tamity manda, le nirehen-keloke bey tagnatene ao iereo.
8Niraike nimenomeno iaby iereo, naho le avy hialy tamy Jerosalema le nahavy korontake tao amizay. 9Te nitoka
tamity Zagnaharenay zahay naho nagnisy mpiambe hiaro am'iereo marain-kariva te amity fampitahora gn'iereo.
10Le hoe iereo vahoake i Joda ty hoe:"Mihalefe ty here ereo ze minday ente-mavesatse. Bey loatse reo dobombato,
naho tsy afake magnere magnore ty manda zahay." 11Hoe reo fahavalonay ty hoe:"Tsy hahay na hahisake iereo
zisike ty hiavianay eo amiereo le hamono iereo, naho hampindrano ty asa."12Tamize andro zay le avy bakagne
amity lala iaby reo Jiosy ze nitoboke tagnila iereo eo naho nirehake impolo taminay, nagnamafe anay ty amity
hevetse ze ataogn'iereo aminay. 13Le nagnisy ndaty tagne amity faritse gebo vatane amity manda tegne amity
toera bagnagnoake raho. Nanao ty longo kirai-kiraike niarake tamity mesone, ty lefone, naho ty folesene iaby
raho. 14Le nanente raho, naho nitsanga, te hoe raho tamity ndaty ambone, naho tamireo mpandily, naho tamity
vahoake tavela ty hoe:"Ko matahotse iareo. Tiarovo ty Tompo, zay foloay naho mahalatsa. Mialia hoahy ty
longonareo, ty anagnareo lahy vaho ty anagnareo vave, ty valignareo, naho ty fokognareo."15Naho laha fa
reign'ireo fahavalonay te haignay ty dinegn'iereo, naho nakorontan' Agnahare ty dinene, le nihere eo amity
manda zahay iaby, sambe tamity asane iaby. 16Le namototse tamize andro zay le niasa hoahy ty fanagana ty
manda avao ty antsasa reo, mpanompoko, naho ty antsasane nita lefo, ampinga, folese, naho nanao akanjo fiaro,
laha nitsanga bakao afaragn'ireo vahoake i Joda iaby kea reo mpitarike.17Niambe ty fitobohagn'iereo avao kea reo
mpiasa ze nagnore ty manda vaho ninday ty enta-mavesatse. Niasa tamity tagna raike iaby ty ndaty iabike, naho
tamity tagna ailane ro nitanagn'iereo ty fialiane. 18Ty mpagnore iaby le nanao ty mesone tagnilane eo naho hoe
zay ro niasane. Iraike aze nampagneno ty trompetra le nijano tagnilako eo.19Le hoe raho tamy reo ndaty ambone
vaho reo manankasy naho tamy reo vahoake tavela ty hoe:"Mafe sady mihabey ty asa, naho mizarazara tika te
eto ambone ty manda, mifankalavitse. 20Ao halakilaky hoamity toera ahareizanareo ty feon-trompetra nareo
naho hivory eo. Hialy hoantika ty Zagnahare ntika."21Ka nataognay ty asa. Ty antsasa iereo nita lefo vaho
magneno-akoho le zisike amity fiaboaha ty kinta. 22Hoe avao kea raho tamy ndaty reo tamy ze andro zay ty
hoe:"Ao ty ndaty iaby vaho ty mpanompone handany ty haleke agnivo i Jerosalema eo, mba ho mpiambe antika
zisike ty haleke iereo naho ho mpiasa amity atoandro." 23Ka na izaho, na reo rahalahiko, na reo mpanompoko, na
reo lahilahy ty mpiambe ze nagnorike ahy, le tsy mba nisy nisolo akanjo zahay, naho nita fialia ty kirai-raike
taminay, na le hindeha hangalake rano aza.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 5

[1]Naho reo Lahilahy vaho ty valign'iereo le nanao fitaraignam-bey hanohetse reo Jiosy namane. [2]Satria nisy ilane
nanao ty hoe:"Maro zahay miharo amity anadahignay vaho anakampelanay. ka ao zahay hahazo vare mba
hohanenay vaho hivelomanay." [3]Nisy ilane hafa kea nanao ty hoe:" Manao antoke ty baibonay, ty tanem-
boalobonay, vaho ty tragnonay zahay, mba hahazoanay vare zisike ty kere."[4]Nisy tilane kea nanao ty hoe:"Tefa
nisambotse vola haloa ty hetra ty mpanjaka tamity baibonay vaho ty tanem-boalobognay zahay. [5]Nefa ty
nofognay vaho ty lio nay le mitovy manahake ty ahy ty rahalahinay avao, naho ty anagnay le mitovy amity
anagn'iereo. Lasa nivarotse ty anadahignay vaho anak'ampelagnay ho ndevo zahay. Naho ty ilane amy reo
anagnay vave le fa nandevoze teo avao. Kane tsy amity herenay ty hanao zay satria tefa ndaty hafa ro tompo ty
baibo nay vaho ty tanem-boalobognay te amizao."[6]Le vignitse mafe raho laha naharey ty taray iereo vaho reo
rehake reo. [7]Le nidineke momba zay raho, naho ninday fitana hoahy reo manan-kanja vaho reo manan-kasy. Hoe
raho tamy iereo:" Sambe sarotene amity rahalahine kirai-kiraike aby nareo." Le nanao fivoriambey handietse
iareo raho [8]naho nirehake iareo ty hoe:" Izahay, arake ze tratrenay, le fa nagnonetse tamity fagnadevoza reo Jiosy
rahalahinay ze navily tamity firene, nefa nareo aza nivarotse ty rahalahinareo vaho ty anabavegnareo mba
hamarota iareo aminay!" Le nitsy vaho tsy nanan-kosafane iereo.[9]Le nirehake kea raho ty hoe:" Tsy soa ze
ataognareo zao. Feie tsy tokone hindeha amity tahotse an'Anagnahare vao nareo mba hiambena ty reha-
dratign'ireo firene ze fahavalontika? [10]Izaho vaho ty rahalahiko naho ty mpanompoko le fa mampisambotse vola
vaho vare iareo. Nefa tika le tokone hampidrano ty fagnisia zana-bola amirey fampindram-bola rey. [11]Aheregno
amy iereo amize andro androany zao reo baibo gniereo, reo tanem-boalobone, reo baibo hitiria ty olivane, vaho
reo tragnone, naho ty isan-jato ty vola, ty vare, ty divay vaovao naho ty menake ze nampisamborenareo tamy
iereo."[12]Le hoe iereo:" Haherenay ze nalaenay tamy iereo, naho tsy hitake na ino na ino amy iereo zahay. Hanao
arake ze rehafenao zahay." Le nikaike reo mpisoro raho, le nampifanta iareo mba hanao arake ze le fa
nampagnategna iereo. [13]Namboatse ze niforetse tamity akanjoko raho naho nirehake ty hoe:" Enganie
hafahan'Agnahare amity tragnone vaho ty fanagnane ty ndaty iaby ze tsy mita ty fampagnategnane. Enganie
hafaha vaho foagna re." Naho ty fiangona iaby nirehake ty hoe:" Amena," Sady niantsa i Yaveh naho nanao arake
ze le fa nampagnategna iereo ty vahoake.[14]ka tamity fotoa ze nanendrea ahy ho governora iereo tagne amity tane
i Joda, nanomboke tamity tao faharoapolo le zisike amity tao faharoe amby telopolo nanjaka i Artaksersesy
mpanjaka, roe ambifolo tao zay, le tsy mboe nihina sakafo nomea ho ahy governora na izaho na reo rahalahiko.
[15]Nefa reo governora taloha ze talohako le nametrake enta-mavesatse tamity vahoake, naho nampadoa iereo
sekelem-bolafotsy efapolo ho ahy ty sakafo vaho divay gniereo isan'andro. Na reo mpanompo gniereo aza
nampijale ty vahoake . Fa tsy nanao izay raho noho ty fatahorako an'Agnahare.[16]Nanohy ty asa tamity manda
avao kea raho, sady tsy nivily tane zahay, naho ty mpanompoko iaby le nivory teo hiasa. [17]Naho teo amity
latabako ro nisy reo Jiosy vaho reo manan-kasy, 150 lahy, hafa reo ze nimbaeo aminay bakamireo firene ze
magnodidy anay.[18]Naho ty nomane isan'andro le agnombe raike, vaho agnondry kea ene, naho voro avao kea,
naho isake ty folo andro le divay maro isan-karazane vatane, kanefa tamizay iaby zay le tsy mboe nangatake ty
anjara sakafo i governora raho, satria ze fangataha zay le tena navesatse vatane tamity vahoake teo. [19]Tiarovo
raho, ry Zagnahareko, amity soa, naho ze iaby nataoko ho ahy toy vahoake toy.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 6

[1]Naho laha fa reign'i Sanbala, Tobia, naho Gasema Arabo vaho reo fahavalognay tavela te le fa nagnamboatse ty
manda ndraike raho naho tsy nisy faritse riatse sasy, na le tsy mboe nananga reo vatrangara teo am-bavahady
aza raho, [2]le hoe ty Sanbala vaho Gasema tamiko, nanao ty hoe:" Andao, hindeha tika hifanoje agne amity gebo i
Ono agne ho agne." Nefa nihevetse ty hagnisy raty ahy iereo.[3]Nagnirake mpinday hafatse tagne amy iereo raho,
nanao ty hoe:" Manao asa foloay raho, ka le tsy afake mizotso. Nagnino ro tokone hitsahatre ty asa laha hengako
zay le mizotso agne aminao raho?" [4]Nandefa irake mitovy ingnefatse tamiko iereo, naho vinaleko mitovy isake te
mandefa iereo.[5]Nagnirake ty mpanompone tatoy amiko hoe izay fagnindimene ty Sanbala, ninday taratasy
mivoha tegne an-tagnane. [6]Voasoratse tamy zay ao ty hoe:" Te fa nindese eo amireo firene zao, sady ambaragn'i
Gasema avao kea, te mihevetse ty hamitake riha vaho reo Jiosy, te laha izay ro agnamboaranao ty manda
indraike. Arake ty rehafe toa irake toa, le fa holasa mpanjaka gniereo riha.[7]Tefa nanendre mpitoky avao kea riha
mba hanao ze fagnombara miomba anao zao agne Jerosalema, manao ty hoe:' Misy mpanjaka ty agne Joda!'
Matokisa riha fa ho reigny mpanjaka reo talily reo. Laha izao miavia, hindeha tika hifampirehake."[8]Le nandefa
rehake tagne amine raho manao ty hoe:" Tsy nisy zaka hoe zay niseho arake ty rehafenao, fa tamponao ao avao
ro namorognanao reo." [9]Fa te hampitahotse anay iereo, nihevetse ty hoe:"Handraviravy ty tagna iereo amity
fagnanoa asa iereo, ka tsy ho vita zay." Nefa henanezao, ry Zagnahare, mba mafeo roaba tagnako toa."[10]Nimbaeo
antragnone ty Semaia anadahign'i Delaia anadahign'i Mehetabela, teie tsy afake nihetseke tantragnone ao raho.
Hoe re:" Hindeha hifanoje agne antragnon'Agnahare tika, agnate ty tempoly ao, naho ndao hiliantika ty varavara
ty tempoly, satria avy hamono anao iereo. Ho avy hamono anao iereo amity haleke." [11]Namale raho ty hoe:"
Lahilahy hoeko vao ro hinjare hilaisa? Hilitse an-tempoly ao mba hahazoana magnavotse ty arofone vao ty
lahilahy hoeko? Tsy hilitse raho!"[12]Nahatsapa raho fa tsy Zagnahare ro nagnirake aze, fa namisavisa ty handietse
ahy re. [13]Nagnarama aze ty Tobia vaho Sanbala. Nagnarama aze iereo mba hampitahotse ahy, mba hanoako ze
rehafene le hanonta, mba hamoa gniereo agnara raty ho ahy hagnafaha iereo baraka ahy. [14]Tiarovo Tobia vaho
Sanbala, ry Zagnahare, naho iaby ze nataognieireo. Tiarovo avao kea Noadia mpamisavisa vave vaho reo
mpamisavisa sisa ze nagnandra ty hampitahotse ahy.[15]ka vita tamity andro fahadime amby roapolo ty vola Elola
ty manda, tafara ty roe amby dimampolo andro. [16]Laha fa reign'i reo fahavalonay iaby zay, reo firene iaby
magnodidy anay, le natahotse iereo naho tonta mafe tamaso gniereo eo avao. Fa haigniereo te vita tamity
fagnampea ty Zagnaharenay ty asa.[17]Tamize andro zay le nandefa taratasy maro tagne amy Tobia reo manan-kaja
tao Joda, naho niavy tagne amiereo koa ty taratasy Tobia. [18]Fa nisy lako tagne Joda ro voafehe ty havelo tamine,
satria vinanto lahy i Sekania anadahign'i Ara re. Naho Johanana anadahine le fa nanambaly ty anak'ampela i
Mesolama anadahign'i Berekia. [19]Nirehake amiko miomba reo asa soane naho ninday reo rehako tagne amine
avao kea iereo. Nandefasa taratasy bakamy Tobia raho mba hampitahora ahy.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 7

[1]Laha fa vita ty manda naho tafapetrako tamity toerane reo varavara, naho le fa voatondro reo mpiambe
vavahady vaho mpihira naho reo Levita, [2]le nomeiko i Hanany rahalahiko ty miomba i Jerosalema, miarake amy
Hanania iaze nagnorimaso ty fiambe-bey, satria lahilahy matoky vaho matahotse an'Anagnahare mihoatse ty
maro re.[3]Hoe raho tamy iereo ty hoe:" ko sokafe ty vavahady i Jerosalema zisike ty hiboaha ty masoandro. Laha
mboe miambe reo mpiambe vavahady, le afake magnily ty varavara vaho magnisy barane nareo. Manendrea
mpiambe bakamiereo ze mitoboke agne Jerosalema, ty ilane agne amity toeram-piambena gniereo, naho ty ilane
magnoloa reo tragnone aby." [4]Naho ty tana le mivelatse vaho foloay, kanefa tsy ampe ty ndaty amizay ao, naho tsy
mboe nisy tragno tafi-ore.[5]Zagnahare le nametrake tampoko ao ty hamoria reo manan-kaja, reo manan-kasy,
vaho reo vahoake mba ho sorate agnara arake ty foko gniereo. Hisako ty boke ty teteara reo ze nimpoly
voalohane naho hisako voasoratse tao toa magnarake toa.[6]Itoa ty vahoake ty faritane ze nindeha niakatse
bakamy ty fahazoagnireo sesetane ze nalaegn'i Nebokadnezara mpanjaka i Babylona. Nihere tagne Jerosalema
vaho Joda iereo, sambe amity tanane aby. [7]Niarake tamy Zerobabela, Jesoa, Nehemia, Azaria, Ramia, Nahanany,
naho Bana iereo. Ty isagnireo lahilahy vahoake Israely le ahisaha toa magnarake toa.[8]2 .172 ty foko i Parosy. [9]372
reo foko i Sefatia. [10]652 reo foko i Ara.[11]2.818 reo foko i Pahatamoaba, bakamity foko i Jesoa vaho Joaba. [12]1.254 ty
foko i Elama. [13]845 ty foko i Zato. [14]760 ty foko i Zakay.[15]648 ty foko i Binoy. [16]628 ty foko i Bebay. [17]2.322 ty foko i
Azgada. [18]667 ty foko i Adonakima.[19]2.067 ty foko i Bigvay. [20]655 ty foko i Adina. [21]98 ty foko i Atera, baka amy
Hezekia. [22]328 ty foko i Hasoma[23]324 ty foko i Bezay. [24]112 ty foko i Harifa. [25]95 ty foko i Gibeona. [26]188 ty ndaty
bakagne Betlehema vaho Netofa.[27]128 ty ndaty bakagne Anatota. [28]42 ty ndaty bakagne Bet-azmaveta. [29]743 ty
ndaty bakagne Kiriata-Jearima, Kefira, naho Berota. [30]621 ty ndaty i Rama vaho Geba.[31]122 ty ndaty i Mikmasy.
[32]123 ty ndaty i Betela vaho Ay. [33]52 ty ndaty i Nebo hafa. [34]1.254 ty ndaty i Elama hafa.[35]320 ty ndaty i Harima. [36]345
ty ndaty i Jeriko. [37]721 ty ndaty i Loda, Hadida, naho Ono. [38]3.930 ty ndaty i Sena.[39]973 reo mpisoro: le ty foko i
Jedaia (bakamity tragno i Jesoa). [40]1.052 ty foko Imera. [41]1.247 ty foko i Pasora. [42]1.017 ty foko i Harima.[43]74 reo
Levita: le ty foko i Jesoa, Kadmiela, Binoy, naho Hodavia. [44]148 reo mpiantsa: le ty foko i Asafa. [45]138 reo mpiambe
vavahady ty foko i Saloma, foko i Atera, foko i Talmona, foko i nAkoba, ty foko i Hatita, ty foko i Sobay.[46]Reo
mpanompo ty tempoly: le ty foko i Ziha, ty foko i Hasofa, ty foko i Tabaota, [47]ty foko i Kerosa, ty foko i Sia, ty foko i
Padona, [48]ty foko i Lebana, ty foko i Hagaba, ty foko i Salmay, [49]ty foko i Hanana, ty foko i Gidela, ty foko i Gahara.
[50]Ty foko i Reaia, ty foko i Rezina, ty foko i Nekoda, ty foko i Gazama, [51]ty foko i Oza, ty foko i Pasea, ty foko i Besay,
[52]ty foko i Meonita, ty foko i Nefisita.[53]Ty foko i Bakboka, ty foko i Hakafa, ty foko i Harora, [54]ty foko i Bazlita, ty
foko i Mehida, ty foko i Harsa, [55]ty foko i Barkosa, ty foko i Sisera, ty foko i Tema, [56]ty foko i Nezia, ty foko i Hatifa.
[57]Reo foko ty mpanompo i Solomona: le ty foko i Sotahy, ty foko i Sofereta, ty foko i Perida, [58]ty foko i Jala, ty foko i
Darkona, ty foko i Gidela, [59]ty foko i Sefatia, ty foko i Hatila, ty foko i Poreketa-hazebaima, ty foko i Amona. [60]Reo
vahoake ty tempoly, vaho reo foko gnireo mpanompo i Solomona le misake 392.[61]Toa ty ndaty nindeha niakatse
bakagne Tela-mela, Tela-harsa, kerofa, Adona, naho Imera. kanefa tsy afake nagnamare iereo te iereo na reo
longo ty foko gniereo le foko bakamy Israely: [62]le reo foko i Delaia, ty foko i Tobia, naho ty foko i Nekoda, zay 642.
[63]Reo ze bakamireo mpisoro: le ty foko i Hobaia, Hakoza, naho Barzilay (ty nangalake ty valine bakamireo
anak'ampela i Barzilay bakagne Gileada naho kinaike tamity agnarane iereo).[64]Reo le nipay ty fiharoa gnireo an-
tsoratse tamireo nisoratse angnara tamity tetearagniereo, nefa tsy hisake reo, ka le voahifike tamity soro ho
maloto iereo. [65]Bakeo ty governora nirehake tamy iereo fa tsy tokone homea lala hihina ty fizaran-kane gnireo
mpisoro bakamity soro iereo zisike ty hitsangana ty mpisoro raike miarake amity Orima vaho Tomima.[66]42.360 ty
fiharoa ty vondrogna iaby, [67]ankoatse ty lahilahy vaho mpanompo gniereo naho ty mpanompo vave gniereo, zay
le ny 7.337. Nana mpihira lahy vaho vave 245 iereo.[68]736 ty isa ty soavale gniereo, 245 ty ampondra, [69]435 ty
rameva, naho 6.720 reo borike.[70]Ty ilane tamireo loha ty foko gnireo razambey le nagnomey fagnomea ho ahy ty
asa. Nomea governora darike volamena arivo, koveta 50, naho akanjo fisorogna 530 ho ahy ty raketse. [71]Ty ilane
amity loha gnireo foko gnireo razambey le nagnomey darike volamena roe ale vaho mane volafoty 2.200 ho ahy
ty raketse. [72]Ty sisa tamireo vahoake le nagnomey darike volamena roa arivo, vaho mane volafoty, naho akanjo
fisorogna fito amby enempolo.[73]Laha izao reo mpisoro, reo Levita, reo mpiambe vavahady, reo mpiantsa, ty ilane
amity vahoake, reo mpanompo ty tempoly, naho ty Israely iaby le nitoboke tagne amity tana iereo. Tamity volam-
pahafito ro nametraha ty vahoake Israely tao amity tana gniereo."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 8

1 Nivory hoe ty ndaty raike tegne andalambey teo amity vavahadin-Drano ty vahoake iaby. Iereo le nangatake i
Ezra mpisoro mba hinday ty boky lily Mosesy, ze nandilia Yaveh i Israely. 2 Tamity andro voaloha ty volam-
pahafito, le ninday ty lily teo agnoloa ty fiangona ty Ezra mpisoro, na lahy na vave, naho iaby ze afake hijano
vaho nahatakatse. 3 Niatreke ty kianja malalake agnoloa ty vavahadin-drano re, naho namaky zay vaho magneno
saho zisike ty mazava, nagnoloa reo lahilahy vaho ampela, vaho ze afake mahatakatse, naho le nijano soa ty boke
ty lily ndaty iaby reo. 4 Bakeo Ezra mpanora-dala nitsaga teo ambone ty lampihazo zay namboare ty ndaty ho
amizay. Nitsanga teo ankavanane ty Matitia, Sema, Anaia, Oria, Hilkia, naho Mahasela; naho i Pedaia, Misaela,
Malkia, Hasoma, Hasbadana, Zakaria, naho Mesolama le nitsanga teo amity ilane ankavia. 5 Sinoka i Ezra teo
amaso ty ndaty iaby ty boke, satria nitsanga ambone tane reo ndaty re, naho laha fa sinokane zay le nitsanga iaby
ty ndaty. 6 Ezra le nagnomey fisaora i Yaveh, iaze Zagnahare foloay igne, naho reo ndaty iaby nagnakatse ty
tagnane naho namale ty hoe:" Amena!" Bakeo iereo nagnondeke ty loha gniereo naho niantsa Yaveh tamity
fanaova ty vatagniereo tamity tane. 7 Jesoa, Bani, Serebia, Jamina, Akoba, Sabetahy, Hodia, Mahaseia, Kelita,
Azaria, Jozabada, Hanana, Pelaia__reo Levita__le nagnampe reo ndaty mba hahatakatse ty lily avao kea, laha
mboe nitoboke tegne amity toerane ndaty reo. 8 Vinakigniereo tao amity boke, ty lily Nagnahare, nagnazava zay
tamity fandika vaho fagnomea ty dika zay mba hahatakara ndaty reo ty vaki-teny. 9 Nehemia governora, vaho i
Ezra mpisoro vaho mpanora-dala, naho reo Levita ro nandika tamity ndaty naho nirehake tamity ndaty iaby ty
hoe:" Masy ty andro toy amy Yaveh Zagnaharenareo. Ko mandala na mitagny." Satria nitagny iaby ty ndaty iaby
laha fa naharey reo rehagn'ity lily. 10 Bakeo ty Nehemia nirehake tamy iereo ty hoe:" Mindehana amity lalagnareo,
mihinana vondrake naho minoma zaka-finome mamy, naho alefaso amize tsy vogno na ino ino ty ilane amizay, fa
ty andro toy le masy amity Tompo tika. ko meloke, fa ty fifalea Yaveh ro herenao." 11 Ka le nampitsigne reo Levita
ty ndaty, nanao ty hoe:" Mitsigna! satria masy ty andro toy. Ko malahelo." 12 Naho nindeha tamity lalane ty ndaty
iaby mba hihina vaho hino naho mba hizara hane vaho handaza ampifalea bey satria takagniereo ty rehake ze
nampahafantare iareo. 13 Tamity andro faharoe reo mpitarike ty foko gnireo razambey bakamity ndaty iaby, reo
mpisoro vaho reo Levita, le niavy niarake teo amy Ezra mpisoro mba hidineke lale reo rehagnireo lily.
14 Hisagniereo voasoratse tao amity lily ty fomba nandilia Yaveh tamity alala i Mosesy fa ty vahoake Israely le
tokone hitoboke agnate tragno zisike ty fifalea amity vola fahafito. 15 Iereo le tokone hanao fagnombara egne
amity tana iaby, vaho ao Jerosalema, manao ty hoe:" Mindehana egne amity tane tazoa, naho mindaisa
tsilan'oliva vaho hetaen'oliava, vaho tsilan-drotse, tsilan-drofia vaho tsilan-ketae bey, mba hagnamboara tragno,
arake ty voasoratse." 16 Ka niboake ty ndaty naho ninday reo tsilan-ketae nihere naho nanao tragno ho ahy iereo ,
iasake ty tafo iereo aby, tegne antokotane gniereo, tegne amity tokotane ty tragnon'Agnahare, tegne amity kianja
malalake agnoloa ty vavahadin-drano, vaho tegne amity kianja malalake agnila ty vavahady i Efraima. 17 Ty
fiharoa reo iaby ze nihere bakamity fagnandevoa le nagnamboatse tragno naho nitoboke agnate reo tao. Te
namototse tamity andro i Josoa anadahign'i Nona zisike amio andro o, le tsy nankalaza ze fifalea zay ty vahoake
Israely, ka le foloay vatane ty hafalea gniereo. 18 Isan'andro sanandro avao kea, nanomboke tamity andro
voalohane ka zisike amity farane, le namaky ty boke ty lily Nagnahare ty Ezra. Niambe ty hafalea zisike ty fito
andro iereo naho ty andro fahavalo ro fivoriam-bey, mba ho fagnenkea ty lily.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 9

[1]Naho tamity andro fahaefatre amby folo io vola gnio avao le nivory vaho nifaly hane ty vahoake Israely, naho
nisiky akanjo fandala iereo, naho nagnosotse deboke ty lohane. [2]Nanarake ty tagnane tamireo vahiny iaby ty foko
i Israely. Nitsanga naho nieke ty hadisoa iereo vaho ty raty nanoe ty razambey gniereo.[3]Nitsanga teo amity
toerane iereo, naho tamity ampahefatse ty andro le namaky ty tao amity boke ty lily Yaveh Zagnaharene iereo. Fa
tamity ampahefatse ty andro le nieke ty hadisoane vaho nihohoke teo agnoloa Yaveh Zagnaharene iereo. [4]Reo
Levita, Jesoa, Bany, Kadmiela, Sebania, Serebia, Bany, naho Kenany, le nitsanga teo amity tohatse naho nikaike
tamity feo ambone Yaveh Zagnahare iereo.[5]Naho reo Levita, Jesoa, vaho Kadmiela, Bany, Hasbania, Serebia,
Hodia, Sebania, naho Petahia, nanao ty hoe:" Mitsangana naho miantsa Yaveh Zagnaharenareo zisike farane."
Hisaotse ty agnaranao bey hasy anie iereo, naho akare ambone ty fisaora vaho fankalaza iaby anie zay. [6]I riha ro
Yaveh. I riha arere avao. I riha ro nanao ty lagnitse, ty lagnitse abo vatane, amity miaramilagn'ity iaby, vaho ty
tane vaho iaby ze amine ao. Nagnomea fiay aze iaby riha, naho ty miaramila ty lagnitse manompo anao.[7]I riha ro
Yaveh, iaze zagnahare nifily i Abrama, vaho ninday aze niakatse agne Ora i Kaldeana, naho nagnomea aze ty
agnara Abrahama. [8]I riha le nahisake fa natoky teo agnoloanao ty arofone, naho riha nanao fagnenkea tamine
mba hagnomey ty tanegn'ireo Kananita, reo Hetita, reo Perizita, reo Jebosita, naho reo Girgasita ho ahy ty fokone.
Nita ty fampagnategna nao riha satria riha le mahity.[9]Nahisake ty fijalea ty razagnay tagne Egypta riha, naho
naharey ty taray iereo teo amity riake mena. [10]Nagnomey reo famantara vaho hatsereha mandietse i Farao, vaho
ty mpanompone iaby, naho ty ndaty iaby tao amity tanene riha, satria riha le nahay te reo Egyptiana le nanao
fihetseke miavo tamy iereo. Kanefa nanao agnara ho anao Riha teie mijoro zisike izao.[11]Naho nanarake ty riake
teo agnoloa iereo riha, mba hahafaha iereo mindeha agnivo ty riake amity tane maike; naho nanorake reo ze
nagnia iareo ho agne amity laleke, manahake ty vato atorake agnate rano laleke riha.[12]Tamity raho ro
nindaisanao iareo tamity andro, naho andrian'afo kea zisike ty haleke mba hijilo ty lala homba gniereo. [13]Nizotso
tao ambohitse Sinay riha naho nirehake tamy iereo bakao amity lagnitse naho nagnomea iareo fomba mahity
vaho lily mare, baiko vaho lily soa.[14]Nampahafantarenao iareo ty andro Sabata masinao, naho nagnomea iareo
lily, vaho fomba, naho lily tamity alala i Mosesy mpanomponao riha. [15]Nagnomea mofo bakagne andagnitse iareo
riha noho ty hakerene, naho bakamity vatolampy noho ty arandranone, naho riha nirehake iareo mba hilitse
hangalake ty tane nifantanao mba homea iereo.[16]Te tsy nagnaja anao iereo vaho ty razagna, naho mafe loha, vaho
tsy nijano reo lilinao iereo. [17]Nilietse tsy hijano iereo, naho tsy nidineke miomba reo hatsereha ze fa nanoenao
tamy iereo, fa ninjare mafe loha, naho tamity hevegn'iereo le nanondro mpitarike hihere amity fagnandevoa
iereo. Fa riha le Zagnahare ze feno fandefera, bey hatea vaho fiferenaigna, tsy mba meloke, naho feno fitea tsy
miova. Tsy nidiso iareo riha.[18]Na le fa nana ty anak'ombelahy ambane aza iereo naho nanao ty hoe:' Itoy ro
Zagnaharenareo ty ninday anareo niakatse niala tagne Egypta,' naho le fa nanao fandratia-ratia bey, Riha, tamity
fiferenaignam-ponao [19]le tsy nienga iareo tagne angnefetse. Ty raho mitarike iareo amity lala le tsy mba nidiso
iareo zisike ty andro, na ty andrian'afo ty haleke mba hagnazava ty lalak' omba iereo.[20]Nomeanao iareo ty
fagnahinao soa mba hagnanatse iareo, naho tsy niaro ty namanao tsy ho eo amity vava gniereo riha, naho ty
reano noameanao iareo noho ty arandranone. [21]Zisike ty efapolo tao ro nagnampeanao iareo tagne agnefetse,
naho tsy sahira na ino ino iereo. Ty akanjo gniereo le tsy riatse naho ty tombogniereo le tsy nivonto.[22]Nagnomea
fanjaka vaho vahoake ho ahy iereo riha, tamity fanendrea iereo isake ty vazan-tane. Naho nangalake ty tane i
Siona mpanjaka i Hesbona vaho ty tane i Oga mpanjaka i Basana ho fanagna iereo.[23]Nanoenao maro isake
manahake ty kinta ty lagnitse iereo, vaho nindesenao tagne amity tane ze nivolagnenao ty razagne mba
handehana naho alae ho hanagna iereo. [24]Kea nilitse ty vahoake vaho nangalake ty tane ho hanagna vaho iriha
nandrese reo ndaty ty tane, le reo Kananita tagnoloa iereo eo. Nameanao reo mba ho an-tagna iereo eo, miarake
amity mpanajaka iereo naho ty vahoake ty tane, mba hahafaha Israely manao ze mahafale aze amaeo re.
[25]Nagnadevo reo tana mimanda naho ty tane mamokatse iereo, vaho nagnadevo reo tragno feno zaka soa,
famorian-drano fa voahaly, reo tanem-boaloboke naho tanen'oliva, vaho hetae fihinan-bole. Vaho nihina naho
afa-po naho nihan-vondrake vaho nanao ze nahafale iereo reo naho ty hasoanao bevata.[26]Vaho nizare tsy
nagneke iereo vaho nivory handietse anao. Natora gniereo tan-dambosine ty lilignao. Namono reo mpitokinao ze
nampiambene re mba hihere aminao iereo, vaho nanao fagnaratiratia bevata iereo. [27]Kea natolognao tegne an-
tagna ty fahavalone, ze nampijale aze iereo. Tamity andro nijaleane, le nitoreo taminao iereo, vaho iriha nahare
iereo an-dagnitse agne, vaho naho ty fitsetsevagnao bevata le nandefa mpamonje mba hagnavotse iereo an-tagna
reo fahavalone riha.[28]Fa lahafa baka nijano iereo, le nanao raty tagnoloanao eo ndraike, vaho nagnega iereo
tantagna ty fahavalone riha, naho izay le nifehe iereo ty fahavalone. Kanefa lahafa nihere naho nitoreo taminao
iereo, le nahare baka andagnitse riha, [29]vaho mateteke riha ro namonje iereo naho ty fitsetsevagnao. Nampiambe


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

iereo ty amity mba hiheregna gniereo amity lilinao iereo. Kanefe niavognavo naho tsy ninjajy ty lilinao iereo. Nandiso nandietse ty lilignao ze nagnomey fiay ho ahy ze nagneke aze iereo. Nagnamafe ty hatone naho nagnemotse ty sorone vaho nandietse tsy hinjajy iereo.[30]Fa tao maro ro nandeferagnao naho nampitadremagnao iereo tamity alala reo mpitokinao. Kanefa tsy ninjajy iereo. Kea le natolognao ho an-tagna reo ndaty magnodidy eo iereo. [31]Kanefa naho ty habevata ty fitsetsevagnao le tsy nandany aze iaby riha, na nahafoe iereo, tefa iriha le Zagnahare be fahasoava naho be tsetse.[32]Vaho naho izay, Zagnaharegnay-iriha bevata, mafe, vaho mampatahotse ze niambe ty fagnekeagnao naho ty fiteanao tsy miova-ao tsy ho kele aminao ze zaka-tsarotse iaby ze nahazo anay, tamy reo mpanjakanay, tamy reo roan-driagnay, naho tamy reo mpisorognay, naho tamy reo mpitokinay, naho tamy reo razagnay, vaho tamity vahoakenao iaby zisikamity andro ty mpanjaka i Asiria ka zisik'androany zao. [33]Iriha le mare tamy ze iaby nahazo anay, tefa iriha le ninday am-pitokia, kanefa zahay ro nanao pozy naneho haratia. 34Reo mpanjakagnay, reo roandrian-dahignay, reo mpisorognay, vaho reo razagnay le tsy niambe ty lilinao, na niambe reo lily naho reo lilim-pagnekea ze nampiambenegnao iereo.[35]Na le tamity fanjaka gniereo avao aza, laha nitea ty soa bevata nanoenao tamy iereo, tamity tane malalake naho mamokatse ze nanoenao tagnoloa gniereo, le tsy mba nanompo anao iereo na niala tamy reo fomba ratine.[36]Amizao zahay le ndevo amity tane nameanao ty razagnay mba hotea ty vokatse naho ty fagnomeza soa zay, vaho ingo, ndevo amizay ao zahay! [37]Ty manan-kanagna nahazo tombone tamity tanenay le mbagne amity mpanjaka ze natobognao mba hanjaka aminay eo naho ty hadisoagnay. Iereo le manampake amity vatagnay eo naho ty biby fiharegnay arake ze teany. Agnate fijalea bevata zahay.[38]Naho ze iaby zay, le manao fagnekea an-tsoratse mafe zahay. Amity an-tontan-taratasy voatombo-kase ao ty agnara reo roiandrian-dahignay, reo Levita, vaho reo mpisoro."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Amy reo an-tontan-taratasy voatombo-kase ao ty Nehemia, governora, nanake lahy ndre Hakalia Zedekia,
[2]Seraia, Azaria, Jeremia, [3]Pasora, Amaria, Malkia,[4]Hatosy, Sebania, Maloka,[5]Harima, Meremota, Obadia,[6]Daniel,
Ginetona, Baroka, [7]Mesolama, Abia, Miamina, [8]Mazia, Bilgay, vaho Semaia. Reo ro mpisoro.[9]Reo Levita le: Jesoa
anake lahy ndre Azania, Binoy bakamity longo ndre Henadada, Kadmiela, [10]vaho reo Levita ragnene le i Sebania,
Hodia, Kelita, Pelaia, Hanana, [11]Mika, Reboha, Hasibia, [12]Zakora, Serebia, Sebania, [13]Hodia, Bany vaho Benino.
[14]Reo mpitarike ty ndaty le : Parosy, Pahata-moaba, Elama, Zato, Bany,[15]Bony, Azgada, Bebay, [16]Adonia, Bigvay,
Adina, [17]Atera, Hezekia, Azora, [18]Hodia, Hasoma, Bezay, [19]Harifa, Anatota, Nebay, [20]Magpiasy, Mesolama, Hezira,
[21]Mesezabela, Zadoka, Jadoa,[22]Pelatia, Hanana, Anaia, [23]Hosea, Hanania, Hasoba, [24]Halohesy, Pila, Sobeka,
[25]Rehoma, Hasabna, Mahaseia, [26]Ahia, Hanana, Anana, [27]Maloka, Harima, vaho Bana.[28]Fa ty ndaty sisa, ze mpisoro,
Levita, mpiambe vavahady, mpiantsa, mpiasa ty tempoly, naho ze iaby ze nanarake ty vatane tamy reo ndaty
tamity tane magnodidy eo naho nanonka-tegna ho ahy ty lily Nagnahare, agnisa izay reo valine, reo anane lahy
naho reo anak'ampelane, reo iaby manam-pahaia naho fahazavan-tsay, [29]niara nitambatse tamy reo rahalahine,
reo ndaty ambone iereo, vaho namehe ty vatane tamity ozo naho ty fifanta ty hindeha amity lily Nagnahare, ze
namea ndre Mosesy mpanompo Nagnahare, vaho mba handineke naho hagneke ty lily Yaveh Tompotika naho ty
liline vaho reo lily iaby.[30]Nifanta zahay fa tsy hagnomey ty nanak'ampelagnay ho ahy ty ndaty ty tane na
hangalake ty ana gniereo vave ho ahy ty anagnay lahy. [31]Nifanta avao kea zahay fa laha minday entam-barotse na
mete ho vare havily reo ndaty ty tane amity andro Sabata, le tsy hivily amy gniereo amity andro Sabata na amy
ze andro masy zahay. Isake ty fito tao ro hampangalanay ay ty vatagnay, vaho hofoagnanay reo trosa iaby ze
nifagnarahagnay tamy reo Jiosy hafa.[32]Ekegnay ty fandilia ty hagnomeza ty ampahatelo-tsekele isan-tao ho ahy ty
fanompoa ty tragno ty Zagnaharenay, [33]ho fagnomeza ho ahy ty mofo ty fagnatreaha, naho ho ahy ty fagnatetse
hohane tsy tampake, ty fagnatetse oroa amity andro Sabata, reo fete ty voaloham-bola naho reo andro fifalea
voantondro, naho ho ahy reo fagnatetse masy, naho ho ahy reo fagnatetse naho ty hadisoa ho fagnavota ho ahy
Israely, miarake amy ze iaby asa ho ahy ty tragno ty Zagnaharenay.[34]Nanao filoka ho ahy ty fagnatetse ketae reo
mpisoro, reo Levita, naho ty vahoake. Reo filoka ro hifily ty amy ze longognay hinday ty ketae ho an-tragno ty
Zagnaharenay ao amity andro voantingy iasan-tao, mba ho oroa amity alitara gn'Yaveh Zagnaharenay eo, arake
ze voasoratse amity lily ao. [35]Nifanta ty hinday reo voaloham-bokatse ze mitiry bakamity tanegnay, naho reo
voaloham-bokatse ty hetae iaby izan-tao an-tragno Yaveh ao zahay. [36]Arake ze voasoratse amity lily ao, nifanta ty
hinday ty voalohan-tera gniereo anake lahy naho reo ambe naho agnodry aman'osegnay an-tragno Nagnahare ao
naho ho eo amy reo mpisoro ze manompo ao zahay.[37]Hindesenay ty voalohan-bokagnay naho ty fagnatetse
hohane, vaho ty voa ty hetae iaby, naho ty divay vaovao vaho ty diloilo ze indese amy reo mpidoro eo, ho agne
amity efetse fagnajaria ty tragno ty Zagnaharenay. Hindesenay amy reo Levita eo reo ampahafolo ty bakamity
tanegnay satria reo Levita le mamory ty amphafolo nkarea amy reo renevohitse eo ze hiasagnay. [38]Tsy maintsy
misy mpisoro, foko i Arona miarake amy reo Levita lahafa mandrambe ty ampahafolo karea iereo. Reo Levita le
tsy maintsy minday ty ampahafolon-kareo ho ao amity tragno ty Zagnaharegnay ho agne amity efetse fagnajaria
ty fampipohan-draketse.[39]Ty ndaty Israely naho reo foko i Levy ro minday reo fandrambesa anjara amity vare,
divay vaovao, vaho diloilo agne amity efetse fagnajaria ze hagnajaria ty zaka masy naho ze hanompoa ty
mpisoro, naho reo mpiambe vavahady, vaho hitoboha reo mpiantsa. Tsy hoanoenay ambane ndraraha ty tragno
ty Zagnaharenay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 11

1 Nitoboke tagne Jerosalema reo mpitarike ty vahoake, vaho ty vahoake ambine le nanao filoka mba hinday ty
raike amy reo folo hitoboke agne Jerosalema, iaze tana masy, vaho reo sive hafa nitoboke tagne amy reo tana
hafa. 2 Bakeo ty vahoake nitso-drano reo iaby ze nanolo-tegna an-tsitrapo ty hitoboke agne Jerosalema. 3 Reo le
manan-kasy ty faritane ze nitoboke tagne Jerosalema. Kanefa, le nitoboke tagne amity tanene iaby ty ndaty tagne
amity tana ty Joda, nama izay ty ilane amy reo Israelita, reo mpisoro, reo Levita, reo mpanompo ty tempoly, vaho
reo foko ty mpanompo ndre Solomona. 4 Tagne Jerosalema ro nitoboha ty ilane tamy reo foko i Joda naho reo foko
ndre Benjamina. Reo vahoake bakamity foko i Joda le ahisaha andre: Ataia anake lahy ndre Ozia anake lahy ndre
Zakaria anake lahy Amaria anake lahy ndre Sefatia anake lahy ndre Mahalila, iaze foko i Farezay. 5 Tao ty Maseia
anake lahy ndre Baroka anake lahy Kola Azeha anake lahy ndre Hazaia anake lahy Adaia anake lahy ndre
Joiariba anake lahy Zakaria, anake lahy i Silonita. 6 Reo anake lahy ndre Fareza iaby ze nitoboke tagne Jerosalema
le 468. Iereo le lahilahy miavake. 7 Intoa iaby reo foko ndre Benjamina: Salo anake lahy ndre Mesolama anake lahy
i Joeda anake lahy ndre Pedaia anake lahy Kolaia anake lahy Maseia anake lahy Itiela anake lahy ndre Jesaia,
8 vaho reo maggnarake aze, le Gabay naho Salay, lahilahy 928. 9 Joela anake lahy Zisria ro mpandily iereo, vaho
Joda anake lahy ndre Hasenoa le faharoe amity fikomandia amity tana eo. 10 bake amireo mpisoro: Jedaia anake
lahy Joariba, Jakina, 11 Seraia anake lahy HIlkia, anake lahy Mesolama anake lahy Zadoka anake lahy Meraiota
anake lahy Ahitoba, bey ty manan-kasy ty tragno Nagnahare, 12 vaho reo rahalahy gniereo ze nanao ty asa amity
tragno ao, lahilahy 822, miarake re Adaia anake lahy ndre Jeroma anake lahy re Pelaia anake lahy ndre Amzi
anake lahy ndre Zakaria anake lahy Pasora anake lahy Malkia. 13 Reo rahalahine le reo loha gnireo foko, lahilahy
242; Amasay anake lahy Azarela anake lahy Ahazay anake lahy Mesilomota anake lahy Imera, 14 vaho reo
rahalahine, lahilahy mafe arofo amity aly 128; reo mpiandrakitse le i Zabdiela anake lahy re Hagedolima.
15 Bakam'ireo Levita le : re Semaia anake lahy ndre Hasoba anake lahy Azrikama anake lahy re Hasabia anake
lahy re Bony, 16 vaho Sabetay naho Jozabada, ze boakamity mpitarike reo Levita, ze mintanjake ty asa amonto ty
tragno Nagnahare. 17 Vaho Matania anake lahy ndre Mika anake lahy re Zabdy, iaze foko ndr'Asafa, iaze bey ze
nanomboke ty fagnomeza pisaora tamity vavake, vaho Bakbokia, faharoe amy reo rahalahine, vaho Abda anake
lahy re Samoa anake lahy Galala anake lahy re Jedotona. 18 Ty Levita iaby tamity tana masy le iake 284. 19 Reo
mpiambe vavahady le: re Akoba, Talmona, vaho reo ragnene, ze nagnaramaso reo vavahady, lahilahy 172. 20 Ty
Israely ambine naho reo mpisoro vaho reo Levita ze tamireo tana i Joda ao iaby. Ty kiraidraike nitoboke tamity
lovan-tanene iaby. 21 Reo mpiasa ty tempoly nitoboke tagne Ofela, vaho Ziha naho Gispa nitanjake iereo. 22 Ty bey ty
manan-kasy tamireo Levita tagne Jerosalema le re Ozy anake lahy re Bany anake lahy ndre Mika, tamity foko
Asafa, mpiantsa tamity asa atao amity tragno Nagnahare. 23 Tambane ty komandy bakamity mpanjaka iereo, vaho
reo komandy fatsatse ro namea reo mpiantsa arake ty nila isan'andro. 24 Bakeo Petaia anake lahy ndre Mesezaba,
foko re Zera anake lahy Joda, le tagnila ty mpanjaka tamy reo zaka iaby mikasike ty vahoake. 25 Laha reo tana naho
reo baibo gniereo, ty ilane tamity vahoa i Joda le nitoboke tagne Kiriata-Arba naho reo tanane, vaho tagne
Jekabzela naho reo tanane, 26 vaho tagne Jesoa, Molada, Beti-Paleta, 27 Hazarasoala, vaho Biry-seba naho reo
tanane 28 Ty ilane tamy vahoake i Joda reo le nitoboke tagne Ziklagy, Mekona naho reo tanane, 29 Enrimona, zora,
Jarmota, 30 Zanoa, Adolama, naho ty tana iereo, vaho tagne Lakisa baibone vaho Azeka naho reo tanane. Kea le
nitoboke bakagne Beri-sheba ka zisikagne amity baibo Hinoma iereo. 31 Nitoboke taloha ndre Geba eo avao kea
reo vahoa ndre Benjamina, tagne Mikmasy naho Aia, tagne Betela naho reo tanane, 32 tagne Anatota, Noba,
Anania, 33 Hazora, Rama, Gitaima, 34 Hadida, Jeboima, Nebala, 35 Loda, vaho re Ono, vaho ty baibo reo mpanao asa
tagna. 36 Ty ilane amy reo Levita ze nitoboke tagne Joda le nitingine tamity vahoa ndre Benjamina.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 12

1Intoa iaby reo mpisoro naho reo Levita ze niboake niarake tamy re Zerobabela anake lahy ndre Sealtiela naho
niarake tamy re Jesoa: Seraia, Jeremia, Ezra, 2Amaria, Maloka, Hatosy, 3Sekania, Rehoma, vaho Meremota.4Nisy
andre Ido, Ginetoy, Abia, 5Miamina, Madia, Bilga, 6Semaia, Joiariba, Jedaia, 7Salo, Amoka, Hilkia, Jedaia. Reo ro
mpinday reo mpisoro naho reo mpirae asa amy gniereo tamity andro ndre Jesoa.8Reo Levita le Jesoa, Binoy,
Kadmiela, Serebia, Joda, naho Matania, ty niandreketse ty antsa fagnomeam-pisaora, miarake amireo mpiray
miasa amine. 9Bakbokia vaho Ono, reo mpiray miasa amine, le nitsanga nanandrife iareo zisike ty asa fanompoa.
10Jesoa ro raegn'i Joiakima niterake i Eliasiba, Eliasiba niterake i Joiada, 11Joiada niterake i Jonatana, Jonatana
niterake i Jadoa.12Tamity andro i Joiakima le toa iaby ty mpisoro, loham-poko: Meraia loha i Seraia, Hanania loha i
Jeremia, 13Mesolama loha i Ezra, Johanana loha i Amaria, 14Jonatana loha i Meliko, naho Josefa loha i Sebania.
15Adna ro loha i Harima, Helkay ro loha i Meraiota, 16Zakaria ro loha i Ido, Mesolama ro loha i Ginetona, naho
17Zikry ro loha i Abia...ahy Miniamina. Piltahy ro loha i Moadia. 18Samoa ro loha i Bilga, Jonatana ro loha i Semaia,
19Matenay ro loha i Joariba, Ozy ro loha i Jedaia, 20Kalay ro loha i Salay, Ebera ro loha i Amoka, 21Hasabia ro loha i
Hilkia, naho Netanela ro loha i Jedaia.22Tamity andro i Eliasiba, reo Levita Eliasiba, Joiada, Johanana, naho Jadoa
ro natao an-tsoratre ho loham-poko, naho reo mpisoro ro natao an-tsoratre zisike ty fanjaka i Dariosy Persiana.
23Reo foko i Levy, reo loha ty fokone le natao an-tsoratre tao amity boke i tantara zisike ty andro i Johanana
anadahign'i Eliasiba.24Reo loha ty Levita le Hasabia, Serebia, Jesoa anadahign'i Kadmiela, niarake tamity mpiraike
miasa amiereo, teie nitsanga nagnatreke iareo mba hagnomey fifalea vaho hagnomey fisaora, mifamale ty isam-
paritse, ho fagnenkea ty lily Davida, iaze lahilahin'Agnahare. 25Matania, Bakbokia, Obadia, Mesolama, Talmona,
naho Akoba ro mpiambe vavahady niambe teo amity tragno riha teo ambavahady. 26Nanompo tamity andro i
Joiakima anadahign'i Jesoa anagn'i Jozadaka, naho tamity andro i Nehemia governora vaho tamy Ezra mpisoro
vaho mpanora-dala iereo27Tamity fanokana ty manda i Jerosalema, le nipay reo Levita tamy iaby ze
nitobohagn'iereo ty vahoake, hinday iareo agne Jerosalema mba handaza ty fanokana ampifalea, amity
fanoloram-pisaora naho hiantsa amity Kipantso, valiha, naho amity lokanga. 28Reo mpiraike miantsa le nivory
isan-tokone nagnodidy i Jerosalema vaho bakamireo tana agne Netofatita.29Bakagne Beti-gilgala avao kea iereo
naho bakagne amireo baibo i Geba naho Azmaveta, fa reo mpiantsa le fa nagnamboatse ana-bohitse nagnodidy i
Jerosalema ho ahy iereo. 30Bakeo reo mpisoro vaho reo Levita le nagnalio ty vatagn'iereo, naho bakeo nagnalio ty
vahoake, reo vavahady, naho ty manda.31Naho nampiakareko tegne ambone manda reo loha i Joda, naho
nanendre antokom-piantsa foloay roe te nagnomey fisaora raho. Ty raike le nindeha tagne ankavana ty manda
nimbaeo amity vavahadin-Jezeke.32Hosaia vaho ty antsasa ty mpitarike Joda nagnorike iareo, 33naho nagnorike
iareo ty Azaria, Ezra, Mesolama, 34Joda, Benjamina, Semaia, Jeremia, 35vaho ty ilane tamireo anadahy ty mpisoro
niarake tamity trompetra, naho Zakaria anadahign'i Jonatana anagn'i Semaia anagn'i Matania anagn'i Mikaia
anagn'i Zakora anagn'i Asafa.36Nisy reo longo i Zakaria avao kea, le Semaia, Azarela, Milalay, Gilalay, May,
Netanela, Joda, Hanany, niarake tamireo zaka magneno i Davida iaze lahilahin'Agnahare ey. Ezra mpanora-dala le
teo agnoloa iereo. 37Teo agnila ty vavahadin-doharano ro niakatse nahity tamity tohatse tao amity tana i Davida,
tamity ana-tohatse mbaeo amity manda ambone ty lapa i Davida, tagne amity vavahadin-drano eo antignana
iereo.38Nindeha tamity lalan-kafa ty antoko mpihira reo ze nagnomea fisaora. Nagnorike iareo teo amity manda
niarake tamity antsasa ty vahoake raho, naho teo ambone ty Tilikambo ty Fata, teo amity manda foloay, 39naho
ambone ty vavahady i Efraima, naho teo amity vavahady taloha, naho teo amity vavahady ty hazan-drano naho
ty Tilikambo i Hananela vaho ty Tilikambon-jato, teo amity vavahadin'agnondry, naho nidrano teo ambavahady
ty mpiambe iereo.40ka nangalake ty toeragn'iereo tao antragnon'Agnahare reo antokom-piantsa roe gnireo ze
nagnomea fisaora, naho nangalake ty toerako niarake tamity antsasa ty manam-pahefa niarake tamiko avao kea
raho. 41Bakeo le nangalake ty toerane reo mpisoro: Eliakima, Mahaseia, Miniamina, Mikaia, Elioenay, Zakaria,
naho Hanania, mamity trompetra, 42vaho Mahaseia, Semaia, Eleazara, Ozy, Jonatana, Malkia, Elama, vaho Ezera
avao kea, naho reo mpiantsa nanao ze hahareiza iereo naho Jizrahia ro mpitarike iereo.43Nanolotse soro foloay
iereo tamize andro zay, naho nifale, satria Zagnahare nampifale iereo tamim-pifalea bey. Reo ampela vaho kolo
avao kea le nifale. ka rey lavitse ty fifalea i Jerosalema.44Tamize andro zay le nisy reo lahilahy tinendre hita ty
tragno fivorian-draketse, reo voaloham-bokatse, naho ty ampahafolon-karea, mba hamory anjara take ty lily
hoahy reo mpisoro vaho hoahy reo Levita ao amireo. Ty kirai-kiraike le tinendre mba hiasa reo baibo agnila ty
rova. Satria nifale tamireo mpisoro vaho reo Levita ze nitsanga teo agnoloa iereo ty Joda . 45Nanao ty asa hoahy ty
Zagnahare iereo, vaho ty asa fipioa iereo, nanao hoe zay kea reo mpiantsa vaho reo mpiambe vavahady, tamim-
piambena ty lily i Davida vaho Solomona anadahine.46Fa taloha ela bey, tamity andro i Davida vaho Asafa, le nisy
mpitarike reo mpiantsa, naho nisy antsa fifalea vaho fagnomeam-pisaora hoan'Anagnahare. 47Tamity andro i


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Zerobabela vaho tamity andro i Nehemia, le nagnomea ty anjara isan'andro hoahy reo mpiantsa vaho mpiambe vavahady reo Israely iaby. Natokagniereo ty anjara ze hoahy reo Levita, naho reo Levita nanoka anjara hoahy reo foko i Arona.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 13

[1]Tamy ze andro zay le nivakie gniereo tan-tsofy ty vahoake ty Boky ndre Mosesy. Hisake voasoratse tamy zay fa
tsy misy Amonita na Moabita tokone hilitse amity fiangona Nagnahare ao, zisikagne. [2]Izay le satria tsy niavy
tamity ana Israely niarake tamity mofo naho rano iereo, fa nagnarama andre Balama mba hagnozo ty Israely
iereo. Na le izay aza, navaly ty Zagnaharetika ho fitahia ty ozo. [3]Laha vaho nahare ty lily iereo, le nisarahe iereo
tamy Israely ty ndaty hafa firenen iaby.[4]Vaho taloha gnizay ingo re Eliasiba mpisoro io le voafily ho amy reo
tragno fagnajaria ty tragno Nagnaharetika ao. Re le nana fifandraisa tamy Tobia. [5]Nagnaboatse efetragno
fagnajaria bevata ho ahy ndre Tobia ty Eliasiba, ze nagnajaria gniereo ty raketse hohane, ty linten-ketae
magnitse, reo karamantsa, naho reo ampahafolo mbokatse, divae vaovao, vaho ty diloilo, ze voatoka ho ahy reo
Levita, reo mpiantsa, ty mpiambe vavahady, vaho reo anjara ho ahy reo mpisoro talohagne.[6]Kanefa tamy ze
andro iaby zay le tsy ta Jerosalema ao raho. Fa nandeha tagne amity mpanjaka raho tamity faharoe amby
telopolo tao nanjaka ndre Artaksersesy mpnajaka i Babylona. Andro tsiela tafara gnizay le nangatake
fahazoadala hagnega ty mpanjaka raho, [7]kea nihere tagne Jerosalema. Haetso moa ty raty ze fa nanoe Eliasiba
tamity nagnomeza andre Tobia efetsagno fagnajaria bevata tan-kianja ty tragno Nagnahare ao.[8]Meloke mafe raho
kea naboako tamonto ty tragno fagnajaria eo iaby reo enta ty longo ndre Tobia iaby. [9]Nandily ty hagnaliova
gniereo reo efetragno fagnajaria raho, vaho nahereko tamy reo enta ty tragno Nagnahare, reo raketse hohane,
vaho ty linten-ketae magnitse.[10]Haetso fa mboe tsy namea iereo ty anjara reo Levita, kea nilay iereo, sambe
nimbagne amity tanene iaby, reo Levita naho reo mpiantsa ze nanao ty asa. [11]Kea nifagnatreke tamy reo manan-
kasy raho ka nanao tihoe: "Nanao akore ro tsy nasia dikane ty anjoba Nagnahare?" Navoriko niarake vaho
natoboko tamity pilasine reo.[12]Bakeo le ninday ty ampahafolo bokatse, ty divae vaovao, vaho ty diloilo ho ahy ty
efetragno fagnajaria ty Joda iaby. [13]Nitingy andre Selemia mpisoro naho Zadoka mpanora-dily, vaho tamy reo
Levita, Pedaia, ho mpitam-bola ty tragno fagnajaria Nagnahare raho. Tagnila iereo eo ty Hanana anake lahy re
Zakora anake lahy Matania, fa iereo ro volagne ho sahazam-pitokia. Ty adidy gniereo le ty mizara reo fagnomea
ho ahy reo mpirae asa amy gniereo. [14]Tadidio raho, Zagnahareko, mikasike izay, vaho ko fafa reo asa soa ze fa
nanoeko ho ahy ty anjoba Nagnahare naho reo fanompoa zay.[15]Vaho tamy ze andro zay le nahisake reo vahoake
ta Joda ao nanosehose famiaham-boaloboke tamity meso vaho ninday salohim-bare ka nampiday rey tamity
borikine, vaho kea divae, voaloboke, aviavy, vaho reo karazan-jaka mavesatse iaby, ze nindese gniereo ta
Jerosalema ao tamity andro Sabata raho. Nandietse mafe ty nivarota gniereo hane tamy ze andro zay raho.[16]Reo
lahilahy bakagne Tyro nitoboke ta Jerosalema ao le ninday hazandrano naho antam-barotse sambe hafa, vaho
nivarota gniereo tamity andro Sabata tamity vahoa i Joda naho tamity tana regne! [17]Vaho nifagnatreke tamy reo
mpinday i Joda raho tihoe: "Ino ze zaka raty anoenareo, mandoto ty andro Sabata zao? [18]Feie nanao ezao vao reo
razagnareo? Feie tsy Zagnahare vao ro ninday ze raty iaby ze tamintika naho tamity tana toy? Amizao nareo le
minday siake bevata amy Israely tamity fandotoa ty meso."[19]Laha vatane vaho maieke tamity vavahady
Jerosalema taloha ty Sabata, le nandily ty hikatogna reo lala naho ty tsy tokone hisokafa regne sasy zisikamy ty
afara ty Sabata raho. Nampipoke ty ilane tamy reo mpanompoko tamy reo vavahady eo raho mba tsy hisia ty
enta ho afake indese militse amity andro Sabata. [20]Nitobe tagne amonto Jerosalema indraike na indroe reo
mpandrato naho mpivarotse karazan'enta iaby.[21]Nefa iraho nampiambe iereo tihoe: "Nanao akore nareo ro
mitobe amonto ty manda? Laha mboe magnere izay nareo, le hikasi-tagna anareo raho!" Nanomboke tamy ze
andro zay le tsy niavy tamity andro Sabata sasy iereo. [22]Bakeo nandily reo Levita raho mba handio ty vata
gniereo, vaho ho avy hiambe reo vavahady, mba hagnamasy ty andro Sabata, Tadidio avao kea raho ty amy zay,
Zagnahareko, vaho mitsetseva ahy naho ty tsy fivaliaham-pagnekea anagnanao amiko.[23]Tamy ze andro ze le
nahisake reo Jiosy ze nanambaly reo ampela ndre Asdoda, Amona, vaho Moaba avao kea raho. [24]Nivola tamity
fivola Asdoda ty ambakimira ty foko iereo. Tsy nisy tamy iereo nahay nivola ty fivola ty Joda, fa ty fivola ty raike
amy reo ndaty hafa avao.[25]Nifagnatreke tamy iereo raho, ka nagnozo iereo, vaho namango ty ilane tamy iereo
naho nandrovotse ty volo gniereo. Nampifanta iereo tamy Nagnahare raho, nanao tihoe: "Nareo le tsy tokone
hagnome ty anak'ampelanareo ho ahy reo anake lahy iereo regne, na hangalake ty anak'ampela gniereo ho ahy
ty anake lahinareo, na ho anareo. [26]Feie tsy nandiso tamy reo ampela reo vao ty Solomona mpanjaka Israely? Tsy
nisy mpanjaka manahake aze tamy reo firene maro, ka tea ty Zagnaharene re, vaho Zagnahare nanao aze ho
mpanjaka nagnera ty Israely iaby. Na le izay aza, nampandisoe reo valine hafa firene re. [27]Feie vao tokone hinjajy
anao zahay ka hanao ze raty bevata zay, ka mivalike amity Zagnaharentika amity fangala ampela hafa firene ho
valy?"[28]Raike amy reo anake lahy ndre Joida anake lahy ndre Eliasiba mpisorombe le vinanto lahy ndre Sanbala
Horonita. Naho izay le nampilaiseko tamity fagnatrafako re. [29]Tadidio regne, Zagnahareko, satria fa nandoto ty
fisorogna, naho ty fagnekea ty fisorogna vaho reo Levita.[30]Manahake izay ro nandiovako regne tamity zaka-iaby

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

hafa firene, ka nampitoboke reo adidy reo mpisoro naho reo Levita, ty kiraidraike ho sambe amity asane iaby.
31Nagnomey tamity andro voatingy ty raketse ketae naho reo voaloham-bokatse raho. Tadidio amity asa soa,
Zagnahareko.

# Esther

Chapter 1

1Tamy ty andro ndre Ahasoerody (Ahasoerosy ro nanajaka hatragne India ka hatra agne Etiopia nagnerike ty
faritane 127),tamizay andro zay e le nitoboke teo amy ty seza fiakina tao amy ty fiarova mafe ty Sosana i
Ahasoerosy mpanjaka.Tamy ty tao faha telo nanjakane, le nanao fagnasa ho aniereo manam-pahefa naho reo
mpiasa iaby reke ty tafik'i Persia naho Media, reo lahilahy manam-pahefa , naho reo mpiasane iaby reke ty
fagnatsehane. 4Mampiharihary ty fanagna ty famirapirata ty fanjakane naho ty hafa ty voninahitse ty fahabey
naharitse ty andro maro naharitse ty 180 andro reke.5Vaho lafa tapitse reo andro reo, le nanao fifalefalea
naharitse ty fito andro ty mpanjaka.Natao ho amy ndaty iaby teo amy ty fifalea mafa ndre sosana zane, hatramy
ty bey vatane, hatramy ty kele vatane. Natao teo an-kianja ty folera ty lapa ty mpanjaka zane. 6Ty kianja ty folera
le voapiry tamy ty lamba vita amy ty landihazo faty naho volomparasy, tamy ty folendrognone foty malineke
vaho volomparasy nahanto tamy ty mason-drofo volafotsy hatragne amy ty andry ty marbra. Nisy kitsele
volamena naho volafoty teo amy ty filahara ty hampivato parfira, marbra, hara naho rarivato miloko.7Naroso
tamy ty kapoake volamena ty raha finome. Ty kapoake tsirairaike le tsy mana faharoe vaho maro vatane ty
divaim-panjakagne noho ty fahalalan-tagna ty mpanjaka. Ty raha finome le nandese miboake ho fitandrova ty
lily tihoe: Tsy misy fanereterea.'' Nagnomey lily ty mpiasa iaby tao an-dapane ty mpanjaka mba hanao zae iabe
irie ty vahiny tsy rairaike.9Kea nanao fagnambara ho amy ampela avao kea i Vasty mpanjaka ampela tao amy ty
lapa ndre Ahasoerosy mpanjaka.10Tamy ty andro fahafito, raha nahatiarofale ty arofo ty mpanjaka noho noho ty
divay, le nirehake tamy ndre Mehomana, Bizta, Herbona, Bigta, Abagda Zetara, vaho Karkasa (reo manam-
boninahitse fito nanompo teo agnoloane reke, 11mba hinday ty mpnjaka ampela Vasty ho eo agnoloane miarake
amy ty satro-boninahine. Teane haseho amy ty fokonolo raho reo manam-boninahitse ty hasoane, satria
magnendrake loatse ty tarehine.12Fa nandà handeha arake ty tsara ty mpanjaka zae nandeseniereo manam-
boninahitse teoamine i Vasty mpanjaka ampela. Avy eo le meloke mafe ty mpanjaka, nibelake tao agnate ty
heloke.13Noho zane ty mpanjaka le nifandineke taminiereo lahilahy zae fantatse fa hendre, zae mahafantatse ty
andro (fa zane ro fanao ty mpanjaka magnoloa am'iereo iaby manam-pahaiza manoka amy ty lalana naho ty
fitsarà).
15"Arake ty fagnarahan-dalàna, ino ro tokone hatao amy ndre Vasty mpanjaka ampela noho ty tsy fankatoava ty
lily ndre Ahasoerosy mpanjaka, zae nandesin'iereo manam-boninahitse teo amine?"16Hoe Memokana teo
agnatraha y mpanjaka naho reo manam-boninahitse tihoe:tsy tamy ty mpanajaka ihane i Vasty mpanjaka ampela
ro nanao fahadisoa, fa tamin'iereo manam-boninahitse naho reo fokonolo zae magnera ty faritane ndre
Ahasoerosy mpanjaka avao kea.17Fa ty raha natao ty mpanjaka ampela le ho fahain'iereo ampela iaby.Hahatonga
aze reo hamingavinga ty valin'iereo zane.Hiresake iereo tihoe:Nagnomey lily i Ahasoerosy mpanjaka mba ho
andese eo agnoloa i vasty mpanjaka ampela, fa nahalà reke.18Mialoha ty hiafara nitoy andro toy avao ty
andriambave ndre Persia naho Media zae nahare ty raha natao ty mpanjaka ampela le hirehake toy zane
amin'iereo manam-boninahitse ty mpanjaka kea. Le hisy famingavingana naho fimelofa bey.20Lafa voatory
magnera ty mpanjaka zane, le hagnafa ty valine vatane ty ampela iaby, manomboke amy ty bevata ka zisikamy ty
malineke loatse"21Le to ty mpanjaka naho ty roandriane ze toro-hevitse zay vaho nanao arake zae nagnomeza
ndre Memokana hevetse aze ty mpanjaka. 22Nandefa taratasy ho agne amy ty faritanem-panjaka iaby reke, ho ahy
reo faritane iaby arake ty sorane iaby, vaho any firenena tsirairaike arake ty firesake avy. Nanao lily reke fa ty
lahilahy iaby le ho masi-mandily amity tokatragnone eo. Namea arake ty firehakiereo fokonolo kiraidraike tamity
fanjaka ze lily zay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Tafara reo zaka reo , lahafa nijano ty heloke ndre Ahasoerosy mpanjaka, le nieritseritse ani Vasty naho zae fa
nataone reke. Nieretseretine kea ty lily zae nandesa nitsaràgne aze.[2]Le hoe reo ajiahy mpanjaka zae nanompo aze
tihoe: Ao hisy fipaliava ampela soa tarehe tsimahasaky lahy ho ahy ty mpanjaka.[3]Ao ty mpanjaka hendre manam-
pahefa amy ty faritane iaby amy ty fanjakane, mba hamory reo ampela soa tarehe tsimahasaky iaby ho agne an-
tragnonampela agne amy ty fiarova mafe agne Sosana. Aoke iereo hapetrake eo ambane fiahia ndre Hegay,
tsindranolahy ty mpanjaka, zae miandraikitse ty ampela, vaho aoke reke hagnomey aze reo fikoloane ty
endrikiereo. [4]Aoke ty ampela zae mahafale ty mpanjaka ho tonga mpanjaka ampela eo amy ty toera ndre Vasty.
Le nahafale ty mpanjaka zane toro-hevitse zane, kea le notanterahe arak'izane.[5]Vaho nisy Jiosy raike tao amy ty
fiarova mafe ndre sosana zae nikaihe hoeMordekay anadahy ndre Jaira anadahy ndre Simey anadahy ndre Kidy,
zae tranak'i Banjamina. [6]Nandrese avy tagne Jerosalema niarake tamin'iereo sesitanembamin'iereo zae nalae
niarake tamy ndre Jekonia, mpanjaka ndre Joda, zae naharese andre Nebokadnezara mpanjaka i Babylona reke.
[7]Reke ro niteza andre Hadasa,zae atao ty hoe, Estera, anakampela i Dadatoane, satria tsy mana na Rae na Rene
reke. Ampela soa zae ampla vaho manam-bata mahateatea.Le norambese ndre Mordekay toy ty anane ampela.
[8]Lafa nambara ty baiko naho lily ty mpanjaka, le ampela maro ro nandese tagneamy ty fiarova nafe ndre Sosana.
Napetrake teo ambane fiahia ndre Hegay iereo. Le nandese tao an-dapa ty mpanjaka kea i Estera vaho napetrake
tao ambane fiahia ndre Hegay, zae mpiandraikitse ty ampela. [9]Le nahafale aze ampelasoa, ka fisaora tamine reke.
Avy hatrane le namea reo fagnamboara endrike naho ty anjara sakafone reke.Le nanendre mpiasa ampela fito
avy tao an-dapa ty mpanjaka ho aze reke, ka na findrane tao amy ty toera soa loatse tao an-tragnoniereo ampela
reke mbaminiereo mpiasa ampela.Tsy norehafe ndre Estera taminia na ia fireneny na reo longone, satria fa
nanare ndre Mordekay reke tsy hirehake. [11]Isan'andro le mivezeveze magnoloa ty kianja eo ambalike ty
tragnon'iereo ampala i Mordekay, mba hahafatarane ty momba ndre Estera, naho momba zae hatao amine.[12]Lafa
avy ty anjara ty ampelasoa tsirairaike mba ho ao amy ndre Ahasoerosy mpanjaka-arake reo lily amam-pitsipike
ho aniereo ampela, le tsy maintse mahafeno fikarakara hasoa vata maharetse ty roe amby folo vola ty ampelasoa
tsirairaike enem-bola miarake amy ty menake miora, vaho enimbola kea miarake aminiereo raha magnitse naho
reo fikoloa endrike-[13]Lafa nandeha mbagne amy ty mpanjaka ty ampelasoa raike le namea aze zae iabe nilaine
tao an-tagno reo ampela mba ho aze ho andese ao an-dapa.[14]Ty hariva le hilitse ao agnate reke, vaho ty
maraindray kea le himpoly ao an-tragno faharoe reo ampela reke, vaho agne an-tragno fiarova ndre Sasegaza,
tsindranolahy ty mpanjaka, zae niandraikitse reo vatsindrano. Le tsy himpoly agne amy ty mpanjaka sasy reke
raha tsy fa nahazo fifaleam-bey tamy ndr'ampela, ka nikaike aze indraike.[15]Laha avy ty fotoa ndre Estera
anak'apela i Abihaila, rahalahin-dray ndre Mordekay, zae fa nandrambe aze toy ty anak'ampela, le tsy nangatake
na ino naino reke, ankoatse zae natolotse andre Hegay tsindranolahy ty mpanjaka zae niandrakitse reo ampela,
avao. Vaho nahazo fankasitraha tamizay iaby nahita aze i Estera. [16]Le nandese tagne amy ndre Ahasoerosy
mpanajaka ho ao amy ty toeram-ponena ty mpanjaka ho ao amy ty toeram-ponena ty mpanjaka tamy ty vola faha
folo i Estera, zae vola ndre tebeta, tamy ty fahafito tao nanajakane.[17]Le tea ty mpanjaka mihoatse noho reo
ampela iaby i Estera vaho nahazo fanekea naho fankasitraha teo agnatrehane reke, mihoatse noho reo
tsinahasaky iaby naho zane le nosatrofane satro-boninahitse teo amy ty lohane vaho nataone mpanjaka ampela
ho solo ndre Vasty reke.[18]le magnome fagnambara bey ho an'iereo manampahefa iaby naho reo mpiasane iaby ty
mpanjaka, fagnambara i Estera, vaho namea fahafaha tamy ty fandoava n-ketra reo faritane. Le nagnome
fagnomeza tamy ty fahalalahan-tagna ty mpanjaka kea reke.[19]Vaho lafa tafavory fagnindroae reo tsy mahasaky, le
nipetrake teo amy lala ty mpanajaka i Mordekay. [20]Mbo tsy niresake taminia na ia nahakasike reolongone na ty
firenenane i Estera, arakizae nagnanara ndre Mordekay aze. Le nagnarake hatragne ty toro-hevitse ndre
Mordekay reke, arak'zae fa nataone fone reke notezaene.[21]Tamizay andro zay zane, laha nipetrake teo amy lala ty
mpanjalaka i Mordekay, le lagigne naho nipay hagnisy raty andre Ahasoerosy mpanjaka, ty roe taminiereo
tsindranolahy, le Bigtana naho taresy, zae niambina ty vavahady.[22]Lafa fanta i Mordekay ty raha misy, le
notantarane, tamy ndre Estera mpanjaka ampela, vaho Estera kea niresake tamy ty mpanjaka tamy ty agnara
ndre Mordekay. [23]Voahadihady naho voamaregne ty tatetse, kea nahanto tamy t y hetae fagnatona reke
mirahalahy. Nosoratane tao agnate ty baiboly ty tantara teo agnatreha ty mpanjaka zane tantarane zane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Tafaran'iereo raha reo, le nasandrats'i Ahasoesy mpanjaka i Hamana anake ndre Hamedota ao Agigata, vaho
napetrane ambon'iereo mpnampahefa iaby ze niareke tamine ty toeram-pahefane. [2]Reo mpia ty mpanjaka iaby
zae tao an-dalane ty mpanjaka le nandohalike naho niankohoke tamy ndre Hanana, arak'izae nandilia ty
mpanjaka hatao iereo. Vaho tsy nandohalike na niankohoke tamine i Mordekay.[3]Le hoe reo mpiasa ty mpanjaka
zae teo an-dalane ty mpanjaka tamy ndre Mordekay tihoe: Nagnino riha ro tsy nankato ty lily ty mpanjaka?
[4]"Nirehake tamine isan'andro iereo, fe nahalà ty hagnantanteraha ty fangatahan'iereo reke.kea le nirehake tamy
ndre Hmana reke mba hagnete raha nijano toy zane zae raha momba ndre Mordekay, fa reke le fa nirehake
tamin'iereo fa jiosy reke.[5]Lafa hita ndre Hamana fa tsy nandohalike naho niankohoke tamine Mordekay, le feno
heloke reke.[6]Nahalà ty hevitse hamono ndre Mordekay raike avao reke, fa reo mpiasa ty mpanjaka nirehake
tamine tihoe ia moa ty fokonolo ndre Mordekay. Nagniry ty hamono ty jiosy iaby i Hamana ty fokonolo ndre
Mordekay, zae tao amy ty fanjaka ndre Ahasoerosy manontolo.[7]Tamy ty vola voalohane (zae vola ndre Nisana),
tamy ty faharoa ambifolo tao nanjaka ndre Ahasoerosy, le ty para-zane ro loka-nasitsy teo agnoloa ndre Hamana,
mba hifiliana andro naho vola. le nasitsin'iereo ombegne ombegne ty loka mandra-pilatsahan'izane teo amy ty
vola faharoe amby folo (zae vola ndre Adara)[8]Le hoe Hamana tamy ndre Ahasoerosy mpanjaka tihoe:"misy
fokonolo sasane maro naho miparitake magnera ty faritane ty fanjakanao iabe. ty lalan'iereo le hafa noho ty ahy
fokonolo sasane, vaho iereo le tsy mba mitandre ty lala ty mpanjaka, ka tsy mahasoa ty mpanjaka ty famela aze
reo hijano.[9]Fa raha sitrake ty mpanjaka, le magnomea lily mba hamonoa aze iereo,vaho handoa talenta volafotsy
iray ahy eo an-tagna ty mpanao raharahaty mpanjaka raho, mba ho handese ao amy ty rakitse ty mpanjaka."[10]Le
handrae peratse fitombokase tamy ty tagna ty mpanjaka vaho nomeane ndre Hamana anake lahy ndre
Hamedata Agatita, fahavalon'iereo jiosy.[11]Hoe ty mpanjaka tamy ndre Hmana tihoe:Hitako fa nampoly taminareo
naho ty fokonareo ty drala. Ho ataonareo amiza eiabe hirinareo zane.[12]Le voa kaike tamy ty andro fahatelo amby
folo tamy ty vola voalohane,reo panora-dily ty mpanjaka, vaho y lily iaby zae nandilia ndre Hamana le
nosoratane ho an'iereo governoram-paritane ty mpanjaka, reo ze tamity faretane iaby, ho ahy reo governora ty
ndaty sambehafa iaby, vaho ho ahy ty manakan-kasy ty vahoake iaby, isake ty faretane ty sora tagna gniereo,
vaho ho ahy ty vahoake iaby isake ty fivolane iaby. Le nisorate tamity agnara ndre Ahasoerosy mpanjaka izay
vaho voatombokase tamity perane. [13]Natolo tagna tamity alala reo irake tagne amity faretane ty mpanjaka iaby
reo fognosa taratasy, mba handany, hamonoa, vaho hamoteha ty jiosy iaby, manomboke amity tanora ka
zisikamity antetse, vaho ty kolo naho ty ampela, agnate ty andro raike-amity andro fahatelo ambine folo vola
faharoe ambine folo (ze volan'Adara)-vaho mba handrava ty hanagna iereo.[14]Natao lily isake ty faretane ty dika
amy i taratasy. Le nampahaie ty vahoake iaby isake ty faretane iaby fa tokone hiomana gniereo ho amy ze andro
zay. [15]Le niboake reo irake vaho nizara malaky ty lily ty mpanjaka. Fa vitazara tamity fiarova mafe ty Sosana ao
avao kea ty lily. Nitoboke mba hino ty Hamana naho ty mpanjaka, feie tagnate koronta ao ty tana ty Sosana.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Lahafa hay ndre Mordekay ze fa vita iaby, le nijiatene ty sikine kea nisiky lamba fandala sady nihoson-davenoke re. Nindeha niboake tagnivoa ty tana eo re, vaho nikorake naho nibababa mafe. [2]Avy lavitse tamity vavahady ty mpanjaka avao re, satria tsy nisy ndaty nahazo alala hindeha amy zay eo miarake amity siky fandala. [3]Vaho tagne amity faretse iaby, ndra taia ndre taia avy ty komandy naho lily ty mpanjaka, le nisy fandala bevata tamy reo jiosy eo, niarake tamity fifalian-kane, fitagnia, vaho fitoreova. Maro amy gniereo ro niroro tamity lamba fandala aman-davenoke eo.[4]Lahafa avy ty kolovave ndre Estera naho reo mpanompone vaho nivola tamine, le nalahelo mafe iaze mpanjaka vavey. Nandefa siky hampisikine andre Mordekay re( mba hahafahane magnafake ty siky fandala), feie tsy hagneke iereo. [5]Bakeo eo Estera nikaike andre Hataka, raike amy reo tsindranolahy ty mpanjaka ze nitingine hanompo aze. Nandily aze mba hindeha agne amy Mordekay re mba hahaia ze niseho naho ze antogn'izay.[6]Naho izay le nimbamy Mordekay agne amity tana agnoloa ty vavahady ty mpanjaka ty Hataka. [7]Nivolagne ndre Mordekay tamine ze iaby niseho tamine, naho ty fiharoa ty volafoty ze nampagnatena ndre Hamana haloa naho hatoboke amity tragno fagnajaria ty mpajaka mba hamonoa reo Jiosy. [8]Nameane aze kea ty dika mitovy tamity lily ze naboake tagne Sosana ty amity fagnapoteha ty Jiosy. Nanoene zay mba hahafaha ndre Hataka maneho izay amy ndre Estera, naho mba hagnomeza aze ty andraeketse amity fandehana agne amity mpanjaka mba hangatake ty fagnekea, vaho hangatake amine amity agnara ty vahoane.[9]Kea le nindeha ty Hataka vaho nivola tamy Estera ze nivolagne ndre Mordekay. [10]Bakeo Estera nivola tamy Hataka vaho nivola tamine mba hihere agne amy Mordekay. [11]Hoe re tihoe: "Hae reo mpanompo ty mpanjaka iaby naho ty vahoa reo mpanjaka agne amity faretse fa laha misy lahilahy na ampela mbamy mpanjaka agnate ty kianja ao nefa tsy nampikaihe, le misy lily raeke avao: le ty hamonoa aze ho mate-ankoatse ze tondroe ty mpajaka amy iaze fitognom-bolamenay mba haha velo aze. Tsy nikaihe hombagne amy mpanjaka raho ze telopolo andro zay." [12]Naho izay le nindese ndre Hataka tamy Mordekay reo tsara ndr'Estera.[13]Nandefa ze hafatse zao Mordekay tihoe: "Tsy tokone handineke riha fa amity lapa ty mpajaka ao, ro ahafahanao mihoatse naho reo jiosy hafa iaby. [14]Laha mitsy riha amy ze andro zao, le hisy fagnafaha naho famojea hiseho amy reo Jiosy agne amity toera hafa, fa iriha naho ty tragno ty roaenao kea ho rava. Ia ro mahay laha ho amity andro manahake izao ro nahavianao ho amity toera maha-mpanjaka?"[15]Bakeo Estera nandefa ze hafatse zao tamy Mordekay tihoe: [16]"Mandehana, avorio hiarake ty Jiosy iaby ze mitoboke agne Sosana, vaho mifalea hane ho ahy. Ko mino na mihina zisike ty telo andro,. hale naho andro. Iraho naho reo koloampelako avao kea le hifaly manahake izay. Bakeo raho hindeha agne amity mpanjaka, nale mandietse ty lily aza zay, vaho laha mate raho, le mate." [17]Nindeha Mordekay vaho nanao ze iaby nivolagne ndre Esteara aze mba hanoe.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Afake telo andro, nanaova ndre Estera ty siky fiambenane vaho nindeha nitsanga tagnate ty kianja ty lapa ty
mpanjaka, tagnoloa ty tragno ty mpanjaka reke. Ty mpanjaka nitoboke tamity seza fiambenane tamity tragno ty
mpanjaka, mifagnatreke amity filira ty tragno. [2]Lahafa nahisake andre Estera mpanjaka nitsanga tan-kianja ty
mpanjaka eo, le nahazo fagnenkea tamasoneo reke. Tinondrone tamity fitognom-bolamena tan-tagnane egne
reke. Ka le namonje ty Estera ka nitingy ty lengo ty fitognom-panjaka.[3]Bakeo nivola tamine ty mpanjaka tihoe:
"Ino ro ilaenao, Estera mpanjaka? Ino ro fangatahanao? Nale mihoatse ty antsasa ty fanjakako aza, le hamea anao
zay." [4]Hoe Estera tihoe: "Laha to ty mpanjaka zay, le ao ty mpanjaka naho Hamana ho avy amity fampiavia ze
nameako ho aze androany."[5]Le nivola ty mpanjaka tihoe: "Indeso tsiela Hamana, mba hanao ze nitsarae ndre
Estera." Kale nimbagne amity fampiavia ze namea ndre Estera ae ty mpanjaka naho Hamana. [6]Lahafa nazotso tao
amity fampiavia ty divae, le nivola tamy Estera ty mpanjaka tihoe: " Ino ro ilaenao? Fa hamea anao zay. Ino ro
fangatahanao? Fa nale mihoatse ty vaky mira ty fanjakako aza, le hamea zay."[7]Namale Estera tihoe; " Izao ro
talilie naho angataheko, [8]laha mahisake hato amaso ty mpanjaka eo raho laha to ty mpanjaka ty hagnomey ze
ilaeko vaho hagnaja ty hatako, le ao ty mpanjaka naho Hamana ho avy amity fampiavia ze homaneko ho anareo
hamaray vaho le hamale ty fagnotania ty mpanjaka raho."[9]Niboake tamy ze fotoa zay tamity arofo fale naho fale
ty Hamana. Fa lahafa hisa i Hamana tamity vavahady ty mpanjaka eo ty Mordekay, vaho tsy nitsanga na nititike
taman-tahotse tagnoloa ndre Mordekay, le feno siake tamy ndre Mordekay reke. [10]Nale izay aza, le niambe ty
vatane ty Hamana ka nandeha tantragnone agne. Nampagnirake reo ragnene reke vaho namory iereo, niarake
tamy Zaresa valine. [11]Nahere ndre Hamana nisafe tamy iereo ty famirapirata reo hareane, ty isa reo anane lahy
maro, ty fampisondrota iaby ze nagnomeza ty mpanjaka hasy aze, vaho ty fomba nagnatognane tamy reo manan-
kasy naho reo mpanompo ty mpanjaka iaby.[12]Hoe Hamana tihoe: "Estera mpanjaka le tsy nampiavy ndaty afatse
iraho ho avy miarake amy reo mpanjaka amity fampiavia nomanene. Nale hamaray kea aza le nampiavie
hiarake amy reo mpanjaka ndraike raho. [13]Nefa ze iaby zay le tsy sahaza na ino na ino ho ahy laha mboe
mahisake andre Mordekay iaze jiosy mitoboke am-bavahady ty mpanjaka eo raho."[14]Le nivola tamy Hamana
naho reo ragnene iaby Zaresa valine tihoe: " Ao iereo hanao hetae fagnatogna dimampolo hakiho ty hahabone.
Amity marae le mivolagna amy mpanjaka mba hagnatogna iereo andre Mordekay amy zay eo. Vaho le
mandehana am-pifalea miarake amy mpanjaka agne amity fagnasa." To ndre Hamana zay vaho nagnamboatse
hetae fagnatogna reo reke.

## Chapter 6

[1]Tsy nahisake roro ty mpanjaka tamy hale igne. Nandily ty mpanompo ze mba hinday ty boky fagnajaria tantara
tamity fotoa nindaisany, vaho nivakie mafe tamy mpanjaka zay. [2]Vitapiteke tao fa nivola ty mikasike andre
bigtana naho Taresy ty Mordekay, roe tao tamy reo manan-kasy ty mpanjaka ze niambe ty lala filira, ze nidineke
ty hanao raty ty mpanjaka Ahasoerosy. [3]Le nagnotane ty mpanjaka tihoe: "Ino moa ro fa mba nanoe mba
nagnomea kasy na nagnekea andre Moedekay tamity nanovane izay?" Vaho reo ajiahy lahy ty mpanjaka ze
nanompo aze nivola tihoe: ''Tsy nisy nanoe taminy.''[4]Hoe ty mpanjaka tihoe: "Ia ro an-kianja ao? Sendra niavy
tan-kianja ambalike ty tragno ty mpanjaka ty Hamana mba hivola amine ty amity hagnatognane andre Mordekay
amity hetae fagnatogna eo ze fa natsangane ho aze. [5]Nivola tamine reo mpanompo ty mpanjaka tihoe: "Hamana
ro mitsanga an-kianja eo." Le hoe ty mpanjaka tihoe: "Engaho reke hilitse." [6]Lahafa nilitse Hamana le hoe ty
mpanjaka tamine tihoe: " Ino ro tokone atao amity lahilahy ze tea ty mpanjaka hamean-kasy?" Le hoe Hamana
nivola ampiane ao tihoe: " Ia "moa ro hamea ty mpanjaka hasy ankoatse ahy?[7]Hoe Hamana tamy mpanjaka tihoe:
"Ho ahy ty lahilahy ze tea ty mpanjaka amen-kasy, [8]ao hindese ty siky lava fiankina, siky ze fa fanao ty mpanjaka,
vaho ty sovaly ze fa nitikira ty mpanjaka, vaho amity lohane eo ty satron-kasy. [9]Vaho ao ty siky naho ty sovaly
hamea ty raike amy reo manan-kasy sahazan-kaja vatane. Ao iereo haniky ty lahilahy tea ty mpanjaka hamean-
kasy, vaho ao iereo hitarike aze hitete ty lala ty tana amy sovaly. Kea ao iereo hitalily tihoe: 'izao ro nanoe tamy
iaze tea ty mpanjaka hamean-kasy!''"[10]Vaho hoe ty mpanjaka tamy Hamana tihoe: "Malaky, alao ty siky naho ty
sovaly, arake ze fa nivolagnenao, vaho anovo ho ahy ndre Mordekay iaze Jiosy ze mitoboke am-bavahady ty
mpanjaka eo zay. Ko misy atao poke reo ze nivolagnenao."
[12]Nihere tam-bavahady ty mpamjaka i Mordekay, fa Hamana kea nagnalaky ty sovaline ho agne an-tragnone,
nalahelo, nirako-doha. [13]Tinalily Hamana tamy ndre Zaresy valine naho reo ragnene iaby ty zaka-iaby niseho
tamine. Vaho ty ndaty hendre iaby naho Zaresy valine nivola tamine tihoe: "Laha Mordekay, ze nanomboke
nanonta anao tagnilane eo, ro jiosy, le tsy hahatsatse aze mihintsy riha, fa le ho tonta agnoloane eo vatane riha."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 7

[1]Kea le nindeha nanao hafalea niarake tamy Estera mpanjaka ty mpanjaka naho Hamana. [2]Tamy andro faharoe
io, laha igne reke nandroso divae igne, le hoe ty mpanjaka tamy Estera tihoe: "Ino ro fagnirianao, Estera
Mpanjaka? Ho tanterahe aminao zay. Ino ro fangatahanao? Hatramity vakimira ty fanjaka, le ho tanterahe
zay."[3]Le namale Estera Mpanjaka tihoe: "Laha nahisake fitea tamasonao raho, mpanjaka, vaho laha ekenao, le ao
hamea ahy ty aiko-izay ro fagniriako, vaho mangatake izay ho ahy ty vahoake avao kea raho. [4]Fa navily zahay,
iraho naho ty vahoako, mba ho potehe, ho vonoe, vaho ho ravae. Laha navily ho amity fagnandevoza avao moa
zahay, mba ho ndevo lahy naho ampela, le ho nitsy raho, satria tsy ho nisy fijalea manahake izao afake
hagnamaregna ty fagnelengelegna ty mpanjaka." [5]Le hoe ty Ahasoerosy Mpanjaka tamy Estera mpanjaka tihoe:
"Ia zay? Aia ro hahisaha iaze ndaty nagnetseketseke ty arofo hanao zaka manhake izay?"[6]Hoe Estera tihoe: "Iaze
lahilahy rafe, ze fahavalo zay, le iaze Hamana raty ine!" Le natahotse tagnoloa ty mpnajaka lahy naho ty
mpanjaka vave eo ty Hamana. [7]Nitsanga taman-tsiake bakeo amity finoman-divay tamity fagnasa ty mpanjaka ka
nandeha tamity pisi-polera ty lapa, feie nijano mba hangatake ty amity aine tamy Estera Mpanjaka ty Hamana.
Haine fa fa nisy loza tampake ty mpanjaka ho aze.[8]Le nihere bakagne amity pisi-polera ty lapa ty mpanjaka ka
nilitse tamity efetsagno ze nagnomeza ty divay. Le nitonta teo amity seza lava nisy andre Estera ty Hamana. Hoe
ty mpanjaka tihoe: "Hamango ty mpanjaka ampela agnoloako ato amity tragnoko vatane vao reke?"' Vatane vaho
niboake bakao am-bava ty mpanjaka ze fehezam-bola zay, le nirakoaka nireo mpanompo ty tarehe ty Hamana.
[9]Bakeo le nivola Harbona, raike tamy reo tandapa nanompo ty mpanjaka tihoe: "Misy hetae fagnatogna
dimampolo hakiho miore agnila ty tragno ndre Hamana eo. Naorene ho andre Mordekay io, iaze raike ze nivola
mafe mba hiaro ty mpanjakay." Le hoe ty mpanjaka tihoe: "Ahantogno amy zay eo reke." [10]Kea le nahanto gniereo
tamy hetae fagnatognay eo ze nomane ho andre mordekay ty Hamana. Bakeo le vagno ty siake ty mpanjaka.

Chapter 8

1Tamy ze fptoa zay le namea ndre Ahasoerosy Mpanjaka andre Estera Mpanjaka ampela ty hanagna ndre
Hamana, iaze fahavalo ty Jiosy, vaho Mordekay nanomboke nanompo tagnoloa ty mpanjaka, fa nivolagne ndre
Estera tamy mpanjaka ty fomba nifandrambesa Mordekay tamine. 2Nafaha ty mpanjaka ty peratse tombo-kasene,
ze nalaene ndraike tamy Hamana, vaho natolone andre Mordekay zay. Nitingy andre Mordekay ho
mpiandraikitse ty hanagna i Hamana ty Estera.3Le nivola tamy mpanjaka ndraike ty Estera. Niondreke tamity
tane reke ka nitagny laha nangatake tamine ty mba hagnafoagna ty heve-dratine ty Hamana iaze Agagitay, amity
teteke ze nidinihene handiera reo Jiosy. 4Le nitingy andre Estera tamity fitogno volamena ty mpanjaka, le niare
reke vaho nitsanga nagnoloa ty mpanjaka.5Hoe reke tihoe: "Laha to ty mpanjaka, vaho laha nahisake fitea
tamasonao raho, laha mare agnoloa ty mpanjaka eo zay, vaho mahisake hato amasognao eo, le ao ho sorate ty lily
mba hagnafoa reo taratasy nisorate ndre Hamana ana i Hamedata Agagita, reo taratasy ze nisoratene mba
hamono reo jiosy ze agne amy reo faritatane ty mpanjaka iaby. 6Fa hataoko akore ro fagnete ty loza miseho amity
vahoako? Hataoko akore ty haharetse hanente ty fandrava reo longoko?"7Nivola tamy Esterta mpanjaka naho
tamy Mordekay iaze Jiosy ty Ahasoerosy mpanjaka tihoe: "Ingo, fa nameako andre Estera ty tragno Hamana, vaho
nahanto gniereo tamity hetae fagnatogna reke, satria nindeha nagnafike reo jiosy. 8Manorata lily hafa amity
agnara ty mpanjaka ho ahy reo jiosy ka tom-boy amy peratse ty mpanjaka zay. Fa ty lily ze fa voasoratse tamity
agnara ty mpanjaka vaho voatomboke tamity peratse ty mpanjaka le tsy afake foagna."9Le voakaike reo mpanora-
dala ty mpanjaka tamy ze fotoa zay, tamity vola fahatelo, ze vola ty Sivana, tamity andro fahatelo amby roa-polo
ty vola. Ty lily voasoratse le mifogno ze iaby nandilia i Mordekay mikasike reo Jiosy. Izay le nisorate ho ahy reo
governoram-paritse, reo governora naho manan-kasy ty faritse ze zisikeo India ka hatragne Etiopia, faritse 127,
ho ahy ty isam-paritane nisorate arake ty fivolagnane iaby, vaho ho ahy reo jiosy amity soratse naho fivola
gniereo.10Nanoratse tamity agnara i Ahasoerosy Mpanjaka i Mordekay vaho nanomboke izay tamity peratse
fitomboan-kase ty mpanjaka. Ty taratasy le nalefane tamity alala ty irake mitiki-tsovaly tsiela fandeha ze
nampiasae ho amity fagnompoa ty mpanjaka, nalae tao amity tragnon-tsovaly ty mpanjaka. 11Nagnomey fahefa
reo jiosy isake ty tana ty mpanjaka mba hirae hivory naho hialy mba hiarova ty ay gniereo: mba handripaha,
mba hamonoa, vaho mba hamoteha ze herim-pialia bakamy reo vahoake na faritse ze mete hanafike iereo,
agnate izay ao reo kolo amanan'ampela, na handrava ty hanagna iereo. 12Tokone nahavoa tamy reo faritane ndre
Ahasoerosy Mpanjaka iaby zay, amity andro fahatelo ambiny folo amity vola faha-roe ambiny folo, ze
volan'Adara.13Ty dika mitovy tamity lily le tokone naboake ho lily naho naseho am-pahibemaso ho ahy reo
vahoake iaby. Reo Jiosy le tokone ho pare hamale fate reo fahavalo gniereo. 14Le nitikitse ty sovaline ty mpanjaka
ze nampiasae ho amity fanompoa ty mpanjaka irake reo. Nindeha tsy nisy hatak'andro iereo. Naboake bakao
amity lapa tagne Sosana avao kea ty lily ty mpanjaka.15Vaho Mordakay niala tagnoloa ty mpanjaka nanao siky
fianbena manga naho foty, naho satro-kasy volamena bevata vaho siky lava fognose foty madineke volom-parasy,
ka le nikiake naho nifale ty tana ndre Sosana. 16Nisy hazava naho hafalea, vaho hafalea naho hasy tamy reo jiosy
eo. 17Tagne amity faritse kiraidraike naho tagne amity tana kiraidraike, na taia na taia niavia ty lily ty mpanjaka,
le nisy hafalea naho haravoa tamy reo jiosy, fanasa naho andro fifalea. Maro tamy reo karaza gnodaty tamity
tane ro ninjare jiosy, satria nipoke tamy iereo eo ty taho gniereo jiosy.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 9

[1]Vaho tamity faha roe ambine ty folo ty vola, ze vola ty Adara, tamity andro fahatelo amibine folo, lahafa inge
hagnatanterake ty lily naho lily ty mpanjaka, tamity andro ze nanategna gniereo fahavalo ty jiosy hahazoa ty
fahefa amy gniereo, le nitsimbalike zay. Ty jiosy ro nanam-pahefa tamy reo ze nalae iereo. [2]Le nivory tatanane ao
reo Jiosy nagnera reo faretse iaby ndre Ahasoerosy mpanjaka, mba hamango reo ze nidineke hampidi-doza iereo.
Kea tsy nisy afaka nitsanga handietse iereo, satria fa nipoke tamy reo vahoake iaby ty taho gniereo.[3]Reo mpandily
ty faretse iaby, reo governoram-paretse, reo governora, vaho reo mpanao raraha ty mpanjaka, le nagnampe ty
Jiosy satria fa nipoke tamy gniereo eo ty taho ndre Mordekay. [4]Fa bevata ty Mordekay tatragno ty mpanjaka, vaho
niele nagnera ty faretse iaby ty lazane, fa fa ninjare bevata iaze lahilahy Mordekay. [5]Le namango reo fahavalone
tamity meso ty Jiosy, namono naho nandany iereo, vaho nanao arake izay to gniereo tamy reo ze nalay aze.
[6]Nahafate naho nandavo ndaty dimanjato iereo tamity fiarova mafe ndre Sosana. [7]Nivonoe gniereo ty Parsandata,
Dalfona, Aspata, [8]Porata, Adalia, [9]Parmasta, Arisay, Ariday, Vaizata [10]vaho reo anake lahy folo ndre Hamana ana
dre Hamedota, iaze fahavalo ty Jiosy. Nefa tsy nandrava hanagna iereo.[11]Andro izay avao le tinatetse tamy
mpanjaka agne, ty isa gnireo ze mate tagne amity fiarova mafe ndre Sosana. [12]Le hoe ty mpanjaka tamy Estera
mpanjaka vave tihoe: "Namono ndaty dimanjato tao amity fiarova mafe ndre Sosana ty Jiosy, agnate izay reo
anake lahy ndre Hamana folo. Le ino zane ro nanoe gniereo tamy reo faritse ty mpanjaka sisa? Kea amizao ino ro
ilaenao? Hamea anao zay. Ino ro fangatahanao? Hamea anao zay."[13]Le hoe Estera tihoe: "Laha to ty mpanjaka,le
ao ty jisoy ze agne Sosana hahazo alala hagnantaterake ty lily androany toy kea hamaray, vaho ao reo fate ty ana
ndre Hamana folo lahy hahanto amity hetae fagnatogna." [14]Le nandily mba hagnantateraha izay ty mpanjaka. Ty
lily le niboake bakao Sosana, vaho nahanto gniereo ty ana ndre Hamana folo lahy.[15]Le nivory reo jiosy iaby ta
Sosanao tamity andro faha-efatse ambiny folo ty vola Adara, kea namono ndaty telonjato fagnapine ta Sosana ao,
nefa tsy nandrava hanagna. [16]Reo jiosy sisa ze tagne amy reo faritse ty mpanjaka kea le niarake mba hiaro ty ay
gniereo, ka afake tamy reo fahavalone gniereo vaho namono dima arivo naho fito ale tamy reo ze nalae aze. Nefa
tsy mba nikasi-tagna ty harea gniereo ze nivonoe kea iereo.[17]Tamity fahatelo ambine folo vola Adara ro niseho
zay. Tamity andro fahaefatse ambine folo kea le nijano iereo ka nanao zay ho andro fagnasa naho fifalea. [18]Nefa
reo jisy ze tagne Sosana niara-nivory tamity andro fahatelo ambine folo naho ty faha-efatse ambine folo. Tamity
andro fahadime ambine folo kea le nijano iereo ka nanoene andro fagnasa naho fifalea izay.
[20]Le narake ndre Mordekay an-tsoratse ze iaby zay ka nandefa taratasy ho ahy jiosy iaby ze tagne amity faritse
iaby ty Ahasoerosy mpanjaka reke, na lavitse na mariketse, [21]handilia iereo hiambe ty andro fahefatse ambine
folo naho faha dime ambine folo vola Adara izan-tao. [22]Reo ro andro nafaha ty jiosy tamy reo fahavalone, naho
vola ze nivaliha ty alahelo gniereo ho hafalea. Nanoe gniereo andro fagnasa naho fifalea zay, vaho fifagnomeza
ara-kane, naho fagnomeza ho ahy ty mahantra.[23]Le nitohiza ty Jiosy ty fankalaza ze fa natombo gniereo, anova
arake ze nisorate ndre Mordekay. [24]Tamy ze andro zay ty Hamana anake lahy ndre Hamedoda iaze Agagitay, iaze
fahavalo ty Jiosy iaby, le nanao tete-draty handietse ty Jiosy mba handrava iereo, le nanorake ty ppora reke( na
hoe, nanao loka reke), mba handrava naho hamingana iereo. [25]Feie lahafa avy tagnoloa ty mpanjaka ty toe-
draraha, le nagnakatse lily an-taratasy reke fa ty tete-draty ze vinetsevetse ndre Hamana handiera ty jiosy le
tokone hahanto amity hetae reke reketse reo anane lahy.[26]Kea kinay iereo hoe Porima reo andro reo, bakamity
agnara hoe Pora. Naho ze iaby voasoratse tagnate ze taratasy zay, naho ze iaby hisa gniereo vaho ze nahazo iereo,
[27]le neke ty jiosy ty fomba aman-panao vaovao raike naho andraikitse. Ze fomba zay le ho ahy iereo, ho ahy reo
taranane, naho ze iaby miarake amy iereo. Izay le mba hankalaza gniereo ze andro roe zay isan-tao. Hankalaza
izay amity fomba toka amity andro mitovy isan-tao iereo. [28]Reo andro reo le ho ankalazae naho ho ambena isake
ty taranake mifamdimbe, isan-pianakavia, isan-paritse, vaho isan-tana. Reo jiosy reo naho ty taranane le tsy
hijano ty hiambe am-patokia reo andro ty Porima reo, mba tsy hagnalignoa gniereo izay vatane.[29]Estera
mpanjaka vave anak'ampela i Abihaila naho i Mordekay iaze jiosy le nanoratse tamin-pahefa feno ka nagnamafe
ty taratasy faharoe mikasike i Porima toy.[30]Taratasy ro nalefa tamity Jiosy iaby tagne amy reo faretse ty fanjaka
ndre Ahasoerosy 127, nirarie fandriam-pahalema naho fahitia reo jiosy. [31]Reo taratasy reo le nagnamafe reo
andro i Parima amy reo fotoa ze nitingina izay, arake ze nandilia ndre Mordekay iaze jiosy naho Estera mpanjaka
vave ahy reo jiosy. Le neke iereo jiosy ho ahy ty tegnane ze lily zay naho ho ahy reo tarana gniereo, manahake ze
fa nagnenkea gniereo ty fotoa ty fifalean-kane naho ty fitagnia kea. [32]Nagnamafe reo lily mikasike andre Porima
reo ty lily Estera, vaho voasoratse tagnate ty boky zay.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Bakeo Ahasoerosy mpanjaka nampandoa haba tamity tane naho tamity sisin-driake. [2]Ty zaka vitane iaby naho ty herene naho ty fahefane, niarake tamity fitalilia ty fahabevata ndre Mordekay ze nagnondrota ty mpanjaka aze, le voasoratse ao amity boky ty tantara ty mpnajaka i Media naho Persia zay.[3]Mordekay iaze jiosy ro mpanjaka faha roe tafara ndre Ahasoerosy mpanjaka. Bevata tamy reo jiosy eo reke vaho nalaza tamy reo rahalahy ty Jiosy maro, satria nila ty fagnampea ty vahoake reke vaho nanogno fiadagna tamity vahoane iaby

# Job

Chapter 1

[1]Nisy lahilahy raike tao amy ty tane i Oza zay Joba ro agnarane: vaho i Joba le tsy nisy heloke naho mahity, natahotse Andranagnahare vaho nifaly ty raty. [2]Reke le nanagnanake lahy fito naho ampela telo. [3]Reke le nana gnaondry fitoarivo rameve fitoarivo aombe lahy naho vave dimanjato, naho birike dimanjato naho mpiasa marobey. Reke ro lahilahy farane bey tamy reo ndaty tantignana iaby.[4]Isake ty andro voatoka ho ahy ty anane lahilahy, le manao fete antragnone ao reke. Iereo le nagnirake ka nikaike reo rahavavine telo mba hihina na hino ama iareo. [5]Naho fa mifara i fetey nampikaike vaho nagnamasy iereo ty Joba. Nifoha maraindray bey reke vaho nanao soro ho ho roa ho ahy anagne kiraidraike iaby, ire nanao tihoe:"Tandrene fa nanao diso na nagnozo ana Ndranagnahare tampoe ao anagne reo." Nanao izay avao ty Joba.[6]Vaho tamy zay andro zay le avy hiseho teo agnatreha i Yaveh reo anak'Andriagnahare le avy ty irake tamy iereo kea ty Satana. [7]Le hoe ty Yaveh tamy Satana tihoe: "Baka aia riha gnio? Satana namale ani Yaveh ka nanao tihoe: "Baka nirerere tantane eto, nikarioke tamine eo." [8]Le hoe Yaveh tamy Satana tihoe: " Fa nandineke andre Joba mpanompoko va rihagnio? Lefa tsy misy manahake aze ambone tane, lahilahy marene naho mahity, matahotse an'Andranagnahare vaho mifaly ty raty."[9]Bakeo Satana namale ani Yaveh ka nivola tihoe: "Matahotse an'Agnahare amity tsy misy dikane vao ty Joba? [10]Tsy nasianao vala vao ty magnodidy aze, magnodidy ty tragnone, vaho magnodidy izay aze iaby? Fa nitahienao reo asa ty tagnane, vaho nitombo reo biby fihare amity an-tane eto. [11]Te amizao atsangano ty tagnanao vaho kasiho ze iaby hanagnane, vaho henteo laha tsy magnozo anao amity tarehenao eo reke. [12]Hoe ty Yaveh tamy Satana tihoe: "Ingo, an-tagnanao eo ze iaby hanagnane. Fa ire vatane avao ro ka kasihenao ty tagnanao." Le niala tagnoloa Yaveh ty Satana.[13]Vaho ndraike andro, nihina naho nino divay tantragno ty taolagnolo reo anane lahy naho ampela. [14]Nisy mpinday hafatse raike nagnanto andre Joba vaho nivola tihoe: "Niasa tagne reo agnombe vaho reo borike le nihina tagnila reo eo. [15]Nanafike iereo reo Sabeana vaho nanambotse iereo. Laha ty amy reo mpanompo, le nivangoe iereo tamy lelan-meso. Iraho avao ro tafalay mba hivola anao."[16]Naho mboe novala egne reke, le nisy raike hafa kea avy vaho nivola tihoe: Nipoke bakan-dagnitse agne ty afon'Agnaharevaho nagnoro aondry naho reo mpiasa. Zaho raike ro nahalay mba mba hampaharey anao. [17]Naho mboe nivola egne reke, le nisy raike hafa kea avy nivola tihoe: Nizara toko telo iereo kaldeana ka le nanafike ramevay, vaho nitsepake reo. Naho ty amireo mpiasanao, le nivonoe iereo tamy meso. Zaho raike avao ro nahalay mba hampaharey anao. [18]Naho mboe nirehake igne reke, le nisy raike hafa kea avy nivola tihoe: Anagnao lehilahy naho ampela reo le nihina naho nino divay tan-tragno taolagnologny eo iereo. [19]Nisy tioke bey bakegne agnefetse nagnomake itragnoy. Nitonta tamy iereo zay, vaho le mate iereo. Iraho raike ro nahalay mba hampaharey anao.[20]Nitsanga ty Joba, nandriatse iakanjoey, nagnitsike ty lahane, nihohoke teo amy tane, vaho niantsa hoan'Agnahare. [21]Reke nanao ty hoe: tsiniakanjo raho te niboake bakantrondreneko ao, vaho tsihiakanjo raho naho himpoly. Yaveh ro nagnomey, vaho yave kea ro hangalake Isaora ty agnara; yaveh. [22]tamy raraha niseho iaby reo, le tsy nanao diso, Joba, nao kea hanao an'Agnahare tihoe manao ty tsy mete.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1] Vaho tamy ze andro zay, avy niseho teo agnatrehagn'i Yaveh anak' Andrianagnahare reo. Avy niarake tamy iareo
kea hiseho agntrehagn'Yaveh , kea ty satana. [2]Yaveh nanao tamy satana tihoe: Bakaia ihagneo? Le namale an'i
Yaveh ty satana tihoe: bake nirererere tegne an-tane, nivezeveze tegne."[3]Yaveh nanao tamy satana tihoe: Nao
ihagnio fa nandineke i joba mpanompoko? Le fa tsy misy na raike ambone tane eto nitovy amine, lahilahy tsy
misy hakeo naho marene, matahotse an'Agnahare vaho ny faline ty raty.Mboe nita ty fahitiane avao reke, na le fa
namango lala ahike hanohetse aze aza re, mba hamoteke aze tsy amity atone.[4]Satana namale Yaveh nanao tihoe:
Angozy takaly ty angozy eka marene, ty ndaty le homeane ze iaby hanagnane hatakalo ty fiainane. [5]Fa
hatsangako ty tangnako zao vaho tsapaeko ty taolane naho ty nofone, le henteo naho tsy hagnozo anao eo amity
vatagnao reke. [6]Yaveh nanao tamy satana tihoe: Ingo atagnanao eo reke, ty fiaine avao ro arovo.[7]Le nandeha ty
satana niala tagnatrehagn'Yaveh eo. Namango vae raty andr'e Joba bakan-tombone zisike andohane ane reke.
[8]Nangalake fakikim-belane ty Joba hihaonane ty vatane, naho nitoboke agnivo lavenoke oe re.[9]Le hoe ty valine
tamine tihoe: " mboe mita ty fahitianao avao riha? Ozon'Agnahare vaho mifateza. [10]Reke nanao tamine ty hoe:
Mirehake nanahake ty rehagny ty ampela gege riha.ty soa ro tokone ho raese bakamin'Adragnahare fa tsy
horambese ty raty? Naho zay, iaby, le tsy nanao diso tamy ty vavane ty Joba.[11]vaho naharey ty raty iaby nahazo
aze iereo ragn' i Joba telo, le sambe avy iaby amity misy aze agne iaby iereo. Elifaza aze temanita, Beldada aze
sahita, vaho Zofara aze Namatita. nanoka andro iereo. mba hamangy aze naho hampahere aze.[12]Naho fa nijilo
baka lavitse iereo , le nisy nahafantatse aze. Nikorake iereo vaho nitagny; sambe nandriatse ty akanjone vaho
namitse deboke amy ty tioke egne naho natane amity lohane iereo. [13]Bakeo le nitoboke tamy tane niarake tamy
iereo agnate ty fito andro fito haleke. tsy nisy niresake tamy ireo, lefa hisagniereo fa bey ty alahelone.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Tafara izay, nivola ty Joba vaho nagnozo ty andro niterahane. [2]Reke nanao ty hoe: [3]" Tsy hisy ty andro niteraha
ahike, ty haleke ze nanao ty hoe: Misy ajaja lehilahy vao haterake.'[4]Haieke ze andro zay; tsy hotian'Andragnahare
bake abone agne ze ze andro zay, na hazava amy zane ty andro . [5]Ty maieke naho ty alognofateo hivola tihoe
ahikeo raikeo. Hitobokeo rahognio; raraha iaby mahavy ty andro homainte hampitahotse zay kea.[6]Ty amy haleke
zay, hitsepake aze ty halem-pito. tsy hofale eo amity andro ty tao zane, tsy hoavy amity isagny volagny zane.[7]Ingo,
tsy hoterake ze haleke zay, tsy hisy feompifale hoavy amy zane.[8]Hagnozo ze andro zay iereo, iereo ze mahay ty
hagnozogne ty Leviatana. [9]Homaike ireo vasia ty andro vao maraindray gnizane. Hipay hazava ze andro zay, nefa
tsy hahisake, na hahisake reo holimasone vao maray, [10]lefa tsy nagnily ty trogn'i neneko reke , vaho lefa tsy
nagnaja reo fijalea tsy hohisako.[11]Nanao akore raho tsy nimate naho niboake antron-dreneko ao io? Nanao akoreo
raho tsy nienga ty fagnahiko naho niterake ahike ty reneko? [12]Nanao akore ro reo ongone nanalaka ahike? Nanao
akore ro nandrae ahike reo nonone mba hahaiako hijale?[13]Fa manahake zay raho fa natory ampalalaha. Natory
raho vaho nitofa [14]niarake tamy reo mpanjaka naho reo mpanolotsaigne tagne, ze nagnore reo valavato hoahy ty
vatagn'iereo ze farava amizao.[15]Na fa nimate niarake tamy reo andriandahy ze nanao volamena faha izay raho,
nameao tragno tamy volafotsy. [16]Na mete hoterake tsy avy vola raho, manahake reo ajaja ze tsy mboe nahisake ty
mazava vatane.[17]Agne ro fitofa amity fijalea ty raty fagnahy; agne ro mitofa ty rerake. [18]Agne reo gadra le hiarake
hijano, tsy maharey ty feo ty mpampisa aze iereo. [19]Sambe agne ty ndaty bey na ajaja; ty mpiasa le afake amity
tompone.[20]Nanao akore hazavagny ro nagnomey aze ze ao agnate ty fijalea? Nanao akore ty fiay ro magnomey ze
mafaitse ty fagnahy, [21]ho ahy ty raike ze mandigne loatse ty fate ze tsy hoavy; ho ahy ty raike ze mihaly fate
mihoatse naho harea mivony? [22]Nanao akore ty fahazava ro omea ho ahy ty raike ze feno hafalea vaho falefale
laha fa hisane ty fasane?[23]Nanao akore ty fahazava ro omea ho ahy ty ndaty raike ze mivony ty lalane, ndaty raike
ze voafehe Nagnahare tao? [24]Fa ty fisento le miseho laha tokone hihina; mitsororoke manahake ty rano ty
fitoreoko.[25]Fa ty zaka ze natahorako le niavy amiko teo; ze nampatahotse ahy le niavy tamiko. [26]Tsy milamy raho,
tsy mitsy raho, vaho tsy mana fitofa raho, ty fijaleako ndraike ro avy."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 4

[1]Le namale ty Elifaza iaze Temanitay ka nanao tihoe: [2]"Laha misy ndaty magnambone mivola aminao, le tsy
haharetse vao riha? Nefa ia ro afake handrara ty vatane tsy hivola? [3]Ingo, maro reo fa nampianarenao; fa
nampatamjake ty tanane maleme riha.[4]Nintanjake ze nitonta reo volanao; fa nihamafesenao ty maleme ongotse.
[5]Nefa zao avy aminao ty fijalea, vaho kivy riha; mipaoke anao zay, vaho osa riha. [6]Feie tsy ty fahatahoranao ro
tokinao, vaho ty fahitia ty lalanao ro fanantenanao?[7]Mba dineho rie zao: ia ro fa nimate tsy nanan-tsiny? Na
ombia reo ndaty mare ro nipotehe? [8]Arake ze fa hisako, reo ze mambole hadisoa naho magnele porobolemo ro
mandray izay. [9]Amity alala ty fofo gnay Nagnahare ro handripake iareo; amity fipoaha ty siane ro handevo iareo.
[10]Ty fiero ty liona, ty feo ty liona masiake, reo nife ty liona tanora-poteke reo. [11]Ripake ty liona antetse naho ty tsy
fahampea reo haza, reo ana ty liona vavene le miparitake egne iaby egne.[12]Nisy raraha nindese mangigike tamiko
teto, vaho nahare bisibisike mikasike izay ty sofiko. [13]Le nisy eretseretse niavy bakamity fahisaha amity hale, laha
fa niavy amity ndaty ty torimaso laleke.[14]Tagnate haleke ro nahavia ty tahotse naho ty fampitahora tamiko, vaho
nititike ty taolako iaby,. [15]Vaho nisy fagnahy nandrio tagnoloa ty tareheko, vaho nitsanga ty volo tamity vatako.
[16]Nijano i fanahy, feie tsy nimete voafaritse ty endrene. Endreke raike ro tagnoloa ty masoko; nisy fitsigna, vaho
nahare feo raho nanao tihoe: [17]"Afake ty ho mare mare naho Zagnahare vao ty ndaty mete maty? Afake ty ho
malio naho ty Mpamoro aze vao ty ndaty raike?[18]Ingo, laha tsy mampitoboke fitokisa amy reo mpanompone
Zagnahare; laha mirehambande reo anjelene naho ty hagegea re, [19]zisikaia ty fahitia reo ze mitoboke agnate
tragno vita amity tanemanga, ze ao amity lemboke ty fototse itobohane, ze poteke aloha ty kadradrake?[20] Poteke
agnivo ty maray naho hariva iereo; mate zisik' amparane tsy misy mahisake iereo [21]Tsy voaombotse tamy iereo
vao ty taly lay ireo? Mate iereo, mate tsy hendre iereo.

Chapter 5

[1]Mikaiha mafe henane zao; hisy ndaty hamale anao vao? Ia amy iereo masy ro hitolihanao? [2]Lefa ty heloke ro
mamono ty ndaty gege, ty fialologna mamono ty ketrine. [3]fa nahisake ndaty gege nahazo vahatse raho, fa
tampoke teo le nozogneko ty tranon'iereo.[4]Ty anagne lavitse ty filamigna; voalialia ao amity lalagn'i tanagny ao
ireo. Tsy misy ndaty hamonje aze iereo. [5]Ty kere ro hihina ty vole iereo; alae iereo amireo bakagne amity fatike
mahity aze zane. Ty marandrano ro manokake ty vavane amity fanagna iereo.[6]Le fa reo aly sarotse le tsy
miboake bakao amity tane; ndra ty fijale mifototse bakao amity tane. [7]Te kea, ty ndaty le terake hoahy ty fijalea,
manahake ty bilen'afo mipitsike.[8]Fanaho ty amiko, le hitolike amin'Agnahare raho; Amine raho ro hagnaky ty
aliko- [9]Reke zay manao raraha befoloay naho tsy takatse dinehe, raraha mampatahotse tsihay isafe. [10]Magnomey
ora ty tane reke, vaho mampandeha rano am'ireo saka.[11]Manao zane reke mbo hampipoha amity ambone reo ze
ambone; mbo hanondrota ty tsimana hoahy ty hampagnarivo. [12]Nandrava ty eretserets'ireo ndaty mpikatramo
Reke, mbo tsy hatanjake ty tagna iereo.[13]Mamandrike ty ndaty hendre amity asampitake iereo Reke; ty asa ty
ndaty raty le tsy ela rava.[14]Mifamonje amity maieke iereo naho antoandro, vaho mitsangatsanga amity mitatao
vovona manahake ty amity haleke. [15]Fe magnavotse ty ndaty tsy nana tsy hoamy ty meso ty vava iereo vaho reo
ndaty osa tsy amity tagna ty ndaty mafe Reke. [16]Ka nampandigne reo tsy mana, naho ty tsy fahitia nampitsigne ty
vavane kea[17]Ingo, voa tahy ty ndaty ze hitie Nandragnahare; naho izay, ka atao tsisy dikane ty famolaha i Tsitoha.
[18]Te nandratse Reke vaho bakeo mamehe ty fere; mandratse aze vaho bakeo ty tagnane ro magnasitra.
[19]Hagnavotse anao amy reo fijalea ene reke eka vatane, amy reo fijalea fito, tsisy raty hipiteke anao.[20]Amity kere le
hagnavotse anao amity fate Reke, vaho amity tagnane ty meso amity aly. [21]Hatsiogne amity loza tamine riha; vaho
tsy hatahotse ty asara riha lafa niavy zay. [22]Hihehe ty asara raho ty kere riha, tsy hatahotse reo bibili-ty tane.
[23]Laha fa hana fagnekea amy reo vato ambaibo ao riha, hanente ty volon'Agnodrinao riha vaho tsy hijale na ino
na no. [25]Ho fanta ao kea te ho befoloay ty voa ao, te hanahake ty boka amy tane egne ty anagnao.[26]Hoan-dolo agne
riha lahafa voky ty tao, manahake ty isan'amboaram-bary zay miakatse amy ze andro zay. [27]Ingo, fa nidinehenay
ze raraha zay; manahak'izao zane; tsanogno zane, vaho fantaro ho ahy ty vatagnao.''


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

[1]Le namale Joba nanao ty hoe: [2]Eh, naho mbanilanja ty fangirifiriako; naho mba natao tamy kilo ty loza nahazo
ahike iaby! [3]Te amizao le mavesatse kea naho ty fasen-driake zane. Ka zane ro mahavy reo rehako tsy voadineke.
[4]Te ty anak'i tsiToha le amiko ato, mino asidra ty fagnahiko, reo fampitahoran'Andragnahare le milahatse
hanohetse ahike. [5]Magneno mafe vao ty ampondra-ly naho mahisake boka? Na ty aombe hitre naho ty keree naho
manakane? [6]vaho zay tsy misy firy vao hoazo hane naho tsy misy sira? Na misy firy vao ty tapotin'atoly?
[7]Mandietse ty hipaoke reo raho, manahake ty hane mamparihy ahike reo. [8]Eh, nainako hoazoko ty fangatahako;
Eh nainako homen' Andragnahare ahike ty raraha ze teako loatse: [9]Mba hotean'Agnahare ty hamotepoteke ahike
indraike avao, ka hananga ty tagnane vaho hangalake ahy amity fiagna toy reke![10]Lonike ho fiegnenako zao - na
le fale ao amity fitsovotsovoke ze tsy mijano ka raho : te tsy nandietse tytsara Raentika Masigne raho. [11]Ingo ty
hereko, ro mboe tokone handigne avao raho? Ino ro hiafarako, ro tokone ho lavaeko ty androko?[12]Herem-bato
vao ty hereko? Le nivita tamy varahy ty nofotsozao? [13]Tsy to vao te tsinisy fagnapea sasa amity vatako ao, vaho
zane fahendrea zane fanafahako amiko?[14]Hoahy ty ndaty ze fa vozake ,ty fatokisa ro tokone hampahisake ty
ragneé; na le amy ze nahafoe ty tahoe ty Tsitoha.[15]Te reo rahalahiko le natoky ahike manahake ty ranontrambo
agne agnefetse, manahake ty lakan-drano ze mandrio avao, [16]ze maike naho ty ranomihandro amiereo ao, vaho
manahake ty fika ze mampitsioke ty vatagne amiereo ao. [17]Vaho lafa rava iereo, le manjavo; lafa mafana, le
nitranake ampitobohane eo.[18]Ty rodobeze mandeha amy lalagne le mitsile mipay rano; mirerere antane egne tsy
mihamaro iereo ka le mate. [19]Ty rodobe bakagne tema le nijilo egne, laha nandigne iereo ty antoko i Sheba. [20]Diso
fagnategna iereo naho ty fatokisa te hahisake rano. Nandeha agne ireo, lafa voa fitake.[21]Te amizao nareo ragnetso
le tsy misy dikae amiko; nahisake ty raraha raty nanjo ahike nareo ka matahotse. [22]Niresake taminareo va raho ty
hoe: meo raraha raho? na tihoe: `meo fagnomea bakamy ty fanagnanareo raho?' [23]Na tihoe: vonjeo amity tagna ty
rafeko raho? Na tihoe: vahao amity tagna ireo mpampijale ahike raho?[24]ampianaro raho, le ho tanako ty
fitsignako; anovo ze hahatakarako tihoe taia ro nahadiso ahy. [25]Hedey ty farare ty rehako to ! La fa ty fandresen-
daha areo, nanao akore ty vatagne hanagnanareo ahike?[26]Madineke ty hanao tsimisy dikae ty rehako vao nareo,
manao ty rehagny ty ndaty namoe fo hanahake tioke? [27]Eka fatagne, miezake ajajabode raike nareo, vaho mipay
varotse amity ragne areo manahake ty enta-barotse.[28]Ka amizao, mba heteo gea raho, te vatagne tsy havande eo
agnoloa ty vatagnareo raho. [29]Mijanogna, mangatake aminareo raho; lonike tsy hisy tsy fahamarena aminareo eo,
eka fatagne, mijanogna, fa maregne ty aliko. [30]Misy haratia vao amity lelako eo? tsy afake mahay ty raraha-raty
vao ty vavako?


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 7

[1]Feie vao ty ndaty tsy managnasa mafe ambone tanetoy ? Feie vao ty androne tsy mira amity andro ty lahilahy
raike nikaramae? [2]Manahake ty ndevo raike magniry loatse ty alogny ty hariva, manahake ty lahilahy mipay ty
karamae - [3]Ka le natae mbo hiaretse ty drala ty fijaleane raho; fa nimea haleke feno tsy filamina raho.Laha fa
mandre raho, le mivola amity vatako tihoe: 'Nahombiandraho ro hifoha vaho mbia ty haleke ro hindeha?
Nivalibalike ambone ambane zisike maraindray. [5]Nisafotse soko naho bogan-tane ty nofotso; maike ty fere tamity
holitso vaho bakeo le afake vaho mimpoly ndraike.[6]Malaky fandeha naho ty fagnian-teno ty androko; mandeha
tsy misy fagnategna raho. [7]Andranagnahare, tiarovo te ty fiaiko le fiay raike avao; tsy hahisake soa sasa ty
masoko.[8]Ty maso Nagnahare, ze mahisake ahike, le tsy hahisake ahike sasa; ty mason'Andragnahare le hoamiko
eo, nefa tsy hisy raho. [9]Manahake ty raho rava naho milempotse, le manahake zay kea ro tsy hiboaha ze militse
agne amity fate sasa. [10]Tsy himpoly agne antragnone agne sasa reke; na ty tobohane ka tsy hahay aze tsy hahay
aze sasy.[11]Naho zay tsy hampikombo ty vavako raho; te hivola amity fangirifiria ty fagnahiko; hitoreo amity
farare ty fagnahiko raho. [12]Feie vao riake raho ro asianao fiambena ty amiko eo?[13]Lahafa mitalily raho tihoe:
'Hampahere ahike ty kidoroko, vaho ty fandreako hampijano ty taraiko; [14]le mampitahotse ahike amity nofiko
naho horohoro ahike amity fahisaha riha, [15]mba hifily ty feo naho ty fate manahake ze miaro taolako toa.[16]Hejeko
ty fiaiko; tsy magniry ty ho velo ela raho; apoho raeke raho fa tsy misy dikane ty androko. [17]Ino va gea ty ndaty ro
tokone marimarihagnao, ro tokone ho raharahaenao. [18]ro tokone ho dinehenao sakemaray naho tsapagnao amity
fotoa iaby?[19]Zisike ombia zane ty hialanao ahike, aloha ty hienganao ahike raike ampe hitegnako ty iveko? [20]Na le
nanao diso aza raho, le ho ino moa zane, iriha ze nidineke ty ndaty? Nanao akore riha ro nikendre ahy, mba ho
entan-mavesatse ho anao?[21]Nanao akore riha ro tsy magnenga ty hadisoako naho magnafake ty hadisoako? Fa
amizao raho le hiroro amity lemboke; hila ahy zisikagne riha, fa tsy hisy raho."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 8

[1]Le namale Bildada iaze Sohita ka nivola tihoe: [2]"Zisikombia ro hivola reo zaka reo riha? Zisikombia ty vola
aboake ty vavako ro hinjare tioke mahere? [3]Mamadike ty rarene vao Zagnahareo? Mamadike ty fahitia vao ty
Tsitoha?[4]Fa nandiso tamity ananao; haintika zay, fa nameane tatagna ty hadisoane iereo. [5]Fantaro fa nila
an'Agnahare mafe riha vaho naneho ty fangatahanao tamy iaze Tsitoha.[6]Laha malio naho mahity riha, le azo
antoke fa hiambe anao reke vaho hagnare anao amity toera ty fahitianao eo. [7]Ka na le kede aza ro
nanombohanao, le ho bevata vatane ro hiafaranao.[8]Agnotaneo rie reo taranake taloha teo, vaho haio ze nianara
ty razagnao. [9](Fa itika le vaho terake male vaho tsy mahay na ino na ino satria aloke ty androntika an-tane etoy).
[10]Tsy hagnanatse anao avao iereo ka hivola aminao? Tsy hivola reo vola bakam-pone ao vao iereo?[11]Afake
mitombo vao ty zozoro tsy misy ketsaketsa? Afake mitombo vao ty volotara laha tsy misy rano? [12]Laha mboe
maintso naho tsy voatampake iereo, le maleme aloha ty zaka mitiry hafa.[13]Manahake izay kea ty lala gniereo iaby
ze magnaligno an'Agnahare, ho rava ty fagnatena ty mpagnaratiraty. [14]Hiala ty tokine, vaho ty fahatokiane le
marefo manahake ty tragnon-kala. [15]Hitogno amity tragnone re, fa tsy hahatoha aze zay; hintanjake izay re, nefa
tsy hahazaka izay.[16]Eo ambone ty masoandro le maintso re, vaho ty ravene miboake amity pisy folerane iaby eo.
[17]Ty fakane le voafogno korotam-bato; mila toera soa amity vato eo iereo. [18]Fa laha nipotehe hiala amity toerane
ze ndaty zay, le handietse aze ze toera zay ka hivola tihoe: 'Tsy mboe nahisake anao mihintsy raho.'[19]Ingo, izay ty
"fifalea ty" findaisan-tegna ty ndaty manahake izay; vaho hisy zaka mitiry hafa hitimoke eo amity nofon-tane
mitovy amity toerane eo. [20]Ingo, Zagnahare tsy hagnary lahilahy raike tsy manan-tsiny; na hitanjake ty tagna ty
mpanao raty[21]Mboe ho fenoene fihehea avao ty vavanao, naho fidera ty vavanao. [22]Reo ze malay anao le hisiky
hegnatse; vaho tsy hisy sasy ty tragno ty raty fagnahy."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 9

[1]vaho le namale Joba ka nivola tihoe: [2]"Haio marene fa izay vatane ro ie. Fa manao akore ty hahafaha ty ndaty
raike ho mare amy Nagnahare? [3]Laha te hialy hevetse amy Nagnahare reke, tsy afake hamale aze ndraike amity
arivo reke.[4]Andragnahare le hendre agnate fo vaho mafe amity herene; io ro fagnamafe ty vatagne hanohetse
Aze ka nahere? -[5]Reke zane namindra ty vohitse le tsy nampaharey na ia na ia naho fa mamalike reo amity
fahatezerane reke- [6]Ireke zane magnozognozo ty tane hiala amity toerane eo vaho mampagnivitsovitse ty
andrine.[7]Izane Andragnare zane avao ro mivola ty masoandro tsy hotsirike, vaho tsy hitsirike zane, vaho aze
mana fotse i vasiagne reo, [8]zane Reke vatane ro mamelatse ty lagnitse vaho manose toseke ranon-driakey. [9]Zay
manao ty Bera, telonohorefe, Ikotokelimiadilaona, vao reo vasia atimo agne.[10]Zane Andrianagnahane zane avao
ro namboatse raraha befoloay, raraha tsy takatse raraha mahatsereke tsy vatse isafe. [11]Ingo, mandeha agnilako
etoandri Reke, kanefa tsy haitso; mandriognavao kea Reke, kanefa tsy haitso [12]Laha mampidriso raraha Reke, ia
ro hahatagnaze? Ia ro afake mivola amine tihoe: ino ty raha ata ao toy?[13]Andragnahare tsy hampiala ty helogne;
reo mpanampe andRahaba aza miondreke ambonene eo. [14]Ka tsientsake te zaho ro hahafake mamale aze,
hahafahako hifily rehake hatao amine? [15]Na le marene aza raho, le tsy afake ty hamale Aze; mitoreo
famindragn'arofo amity mpitsarako kea ro afake atako.[16]Na le mikaike aze raho vaho namale ahike Reke, tsy
natoky raho tihoe nijanjy ty feoko Reke. [17]Lefa mandrava ahike amity rivo-bey vaho magnamaro ty fereko amity
tsy misy antogne Reke.[18]Tsy mampipoke ahike hiay kea Reke; fakea, fenoene raraha mangily raho.[19]Laha rehake
here, Ingo!, mahere Reke! Laha rehake fitsara ia ro afake hikaike Aze? [20]Na le amity marene aza raho, ty vavako
avao hagnaraty ahike, vaho na le tsy manan-kakeo aza raho, volako reo ro hagnamarene ahike te meloke raho.
[21]Tsy manan-kakeo raho, kanefa tsy ahoako sasa ty momba ty vatako; atako tsimisy dikane ty fiaiko. [22]Tsy
mampiova raraha zane, ka zane ro ivolagnako tihoe hovonoene miarake ty ndaty tsy misy hakeo naho ty ndaty
raty fagnahy. [23]Laha hamono tampoke ty ajaly mahafate, le hihehe ty amity fijalea ty ndaty tsy manan-kakeo
Reke. [24]nimeine antagna ty ndaty raty fagnahy teo taney; Andragnare mandomboke reo vatagny ty mpitsara zane.
fanaho tsy Ie ro manao zane, le ia areke?[25]Ty androko malaky fandena manahake ty irake manday hafatse lomay;
ty androko le mihela; tsy misy hisagnireo na ia na ia. [26]Malaky lia manahake ty laka-joro rey, vaho malaky
fandeha manahake ty voromahery magnaoke ty niazone.[27]Laha nivolandr'aho tihoe hagnaligno reo fitaraignako
raho, hampiala ty tarehe meloke raho le hofale, [28]Le natahotse ty heloko iaby raho lefa fantatse te tsy hihevetse
ahike hotsy manan-kakeo Riha. [29]Ho helofandr'aho; ka nanao akore vaho raho ro tokone hiezake tsy amity
antogne?[30]Laha nanasa ty vatako tamity rano mika raho vaho nao ty vatako halio tsy nisy manahake zane, [31]le
hampijoroboke ahike gne andavak'Andragnahare, vaho ty akanjoko le hamparihy ty amiko.[32]Te tsy ndaty
manahake ahike Andragnahare, ka afake hamale Aze raho, ka hiharo amity fitsara eo zahay.[33]Tsy misy mpitsara
agnoloanay eo mba hampipoke ty tagnane aminay roe.[34]Tsy misy mpitsara hafa afake mampila ty
fifiaken'Andragnahare amiko, ze afake mita ty horohorone tsy hampatahotse ahike. [35]Le hivola mafe raho vaho
tsy hatahotse Aze. Kanefa amy zao raraha misy henane zao, le tsy afake hanao zane raho.

## Chapter 10

[1]Vozake ty miay raho; haneho malalake ty toreoko raho; hivola amity fafae ty fagnahiko raho. [2]Hivola amy
Nagnahare raho tihoe: 'Ko magnameloke ahy avao; atoro ahy ty dika ty anaranao ahy. [3]Mety aminao va ty
mampijale ahy, ty manao tsisy dikane ty asa ty tagnanao am-pihehea eo amy reo tete ty raty fagnahy?[4]Mana
maso-nofotse vao riha? Mahisake manahake ty fahisaha ty ndaty vao riha? [5]Feie reo andrognao vao manahake ty
andro ty ndaty na ty taonao manahake reo tao ty ndaty, [6]nikarohenao ty hadisoako vaho hindignenao ty
hadisoako, [7]na le hainao aza fa tsy diso raho vaho tsy misy ndaty afake Hagnavotse ahy an-tagnanao eo?[8]Ty
tagnanao ro nagnasoa naho namboatse ahy iaby, nefa mboe potehenao avao raho. [9]Tadidio, mangatake aminao
raho, fa nagnasoa ahy manahake ty tanemanga riha; le ho ampolinao ho lemboke ndraike vao raho?[10]Feie tsy fa
nandrarake ahy manahake ty ronono naho nampandre ahy manahake ty foromazy vao riha? [11]Sinikinao tamity
holitse naho nofo raho vaho nampiraketenao tamity taola naho ozatse.[12]Nameanao fiagna naho fagnekea matoky
raho; niambe ty fagnahiko ty fiambenao. [13]Nefa reo zaka ze navininao tam-ponao ao-le haiko fa zao ro
nieretseretenao: [14]laha mandiso raho, le ho ambenao zay; tsy hagnafake ahy amity hadisoako riha.[15]Laha raty
fagnahy raho, le loza ho ahy; na le mare aza raho, le tsy afake hanondrotse ty lohako, satria feno fahitia raho
vaho magnete ty fijaleako avao. [16]Laha miandrandra ty lohako, le hitsepake ahy manahake ty liona riha; maneho
ty vatagnao ho mafe amiko ndraike riha.[17]Minday vavolombelo vaovao mandietse ahy riha vaho mampitombo ty
helonao amiko; manafike ahy amity miaramila vaovao riha.[18]Nanao akore are, ro naboagnao bakao an-tsoke
raho? Aleoko nagnomey ty fagnahiko ka tsy mba nisy maso nahisake ahy. [19]Hanahake ty tsy nisy na ombia na
ombia raho; ho nindese bakao an-tsoke mban-kibory mbeo raho.[20]Tsy kele avao kea vao ty androko? Kea ao zay
are, engaho ho raike raho, mba hitofako kele [21]mialoha ty hialako eo amy iaze tsy himpoliakoy, mbamy iaze tane
ty ieke naho aloke ty havilasy, [22]iaze tane ze maieke manahake ty vakimirahale, tsy misy filamina, ze manahake ty
vakimirahale ty hazava.'"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 11

1Vaho Zofara iaze Namatitay namale vaho nivola tihoe: 2"Tsy tokone ho valea vao rie ty tsara maro manahake
izay? Tokone hinoa vao, ty ajiahy, be safa toy? 3Tokone hampitsy hafa reo va rie ty firengerengenao? Laha
magnevateva ty fagnanaranay riha, tsy hisy ndaty hagnamegnatse anao vao?4Satria riha nivola tamy Nagnahare
tihoe: 'Malio ty finoako, tsy manan-tsiny amasonao eo raho.' 5Nefa, eh, hivola Zagnahare vaho hanokake ty
fitavane handietse anao; 6mba hanehoane anao reo sekere ty fahendrea! Fa bevata amity fahazavan-tsay re. Haio
vaho fa kele naho ze sahaza ty helognao ro angatahe Nagnahare aminao.7Mahatakatse an'Nagnahare amity fila
aze va rie rihao? Takanao vatane vao ty Tsitoha? 8Ze zaka zay le abo manahake ty lagnitse; ino ty afake anoenao?
Laleke naho ty fiagna tsy hisake zay; ka ino ro hainao? 9Ty refe izay le lava naho ty tane, vaho bevata naho ty
riake.10Laha mandrio re ka mampitsy ndaty, laha mikaike ndaty ho tsarae re, le ia ro afake hanaka aze? 11Fa ire
mahay ty ndaty diso; lahafa mahisake hadisoa re, tsy ho tsikarene vao zay? 12Nefa ty ndaty gege tsy mana
fahatakara; ho azo gniereo zay lahafa miterake ndaty ty amponga ly.13Nefa diniho fa fa nametsake soa ty fonao
riha vaho fa nagnampatse ty tagnanao ho amy Nagnahare; 14diniho tihoe an-tagnanao eo ty hadisoa. nefa bakeo le
nihalaviranao lavitse anao zay, vaho tsy nagnega ty tsy fahitia hitoboke an-dainao ao riha.15Le hanondrotse ty
tarehenao tsy misy famantara hegnatse vatane riha; eka vatane, tsy hiovaova riha vaho tsy hatahotse.
16Hagnaligno ty fijaleanao riha; ho tadidinao manahake ty rano ze nikoria avao zay. 17Hamiratse naho ty amity
sesegnam-bovogna ty fiagnanao; ndra le nisy ieke aza, le ho avy manahake ty marae zay.18Ho voaaro riha satria
misy fagnatena; eka vatane, hahisake fiarova mikasike anao riha vaho hana fijanogna am-pilamina. 19Hiroro am-
pilamina kea riha, vaho tsy misy ndaty hampatahotse anao; eka vatane, maro ro hila hato aminao.20Fa ho poahe
ty maso ty ndaty raty fagnahy; tsy hahisake lala hilaisa iereo; ty sisa fagnatena gniereo le ty fiala gnay farane."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 12

[1]Le namale Joba nanao tihoe: [2]"Tsy hisalasala fa inareo ro ndaty; vaho ho mate miarake aminareo ty fahendrea.
[3]Fa mana fahazavan-tsae manahake anareo kea raho; vaho tsy ambanenareo raho. Eka vatane, ia ro tsy mahay ty
zaka manahake izay?[4]Zaka fiheheza ty mpirae toboke amiko raho-Iraho, ze nikaike a Nagnahare vaho ze
nivaleane! Iraho, ajiahy mare naho tsy misy tsiny-nizare zaka fihehea raho te henane. [5]Amity eretsere ty ndaty ze
miada, le misy fagnamavoa lovabevata; mandineke ty amity fomba ze minday loza maro vatane ho ahy reo ze
voa re. [6]Ambine ty lae reo ajiahy, vaho mahatiaro milamy reo ze mampasiake a Nagnahare; ty tagna iereo avao ro
Zagnahare iereo.[7]Fa amizao agnontanio reo bibily, le hagnanatse anao iereo; agnotaneo reo voro ty lagnitse, le
hivola aminao iereo. [8]Na mivolagna amity tane, le hagnanatse anao zay; hitalily aminao reo fiam-driake.[9]Biby ino
amy reo iaby reo ro tsy mahay fa ty fita Yaveh ro nanao izao? [10]An-tagna ty ay zaka managnay ao iaby naho ty
fofognay ty olombelo iaby.[11]Tsy ty sofy vao ro mahay ty tsara manahake ty lagnilagny magnadra ty tsiro ty hane?
[12]Ao amity ante-dahy ro misy ty fahendrea; amity fahalava ty andro ao ty fahazavan-tsay.[13]Mana fahendrea naho
here Zagnahare; mana torohevetse naho fahazavan-tsay re. [14]Ingo, mandrava re, vaho tsy afake hamboare
ndraike zay; laha magnagadra ndaty raike re, le tsy hisy fagnafaha. [15]Ingo, laha mitanjake reo rano re, ho ritse
reo; vaho laha mandefa izay amonto agne re, le mameno ty tane reo.[16]Ao amity here naho fahendrea; ty vahoake
ze voafitake naho ty mpamitake le sambe amity fahefane eo. [17]Magnafake hasy ty mpanolo tsae amity alahelo re;
vaho mampoly reo mpitsara ho gege re. [18]Afahane amy reo mpajaka ty rojom-pahefa; naniky siky ty valahane
iereo.[19]Magnafake ty hasy ty mpisoro aman'alahelo re vaho mandrava ty ndaty mafe. [20]Magnafake ty lahabola reo
ze nitokie re vaho alane amy reo roandria ty fahazavan-tsae. [21]Mampipoke fagnamavoa amity roandrian-dahy re
vaho mamaha ty fehen-troke ty ndaty mantajake.[22]Maneho zaka laleke bakao amity ieke re vaho minday ty alo ze
misy reo ndaty mate hiboake ho amity fahazava. [23]Mampatanjake reo firene re, vaho mamoteke iereo avao kea;
manitatse reo firene re, vaho mitarike reo manahake ty gadra avao kea re.[24]Magnafake ty fahazavan-tsae amy reo
mpinday ty ndaty ty tane re; mahavy iereo hiriorio agnefetse agne ze tsy misy lala re. [25]Mitsapatsapa amity ieke
ao tsy misy hazava iereo; vaho mampivembe iereo manahake ty ndaty mamo re.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 13

[1]Ingo, ty masoko fa nahisake ze iaby zay; ty sofiko fa nahajy ka nahatakatse izay. [2]Ze hainareo, le haiko avao kea;
tsy ambanenareo raho.[3]Kanefa, aleoko mivola amy Tsitohay; magniry ty hifandahatse amy Nagnahare raho. [4]Fa
fotienareo amity vande ty mare; mpitsabo tsy misy lanjane iaby nareo. [5]Eh, tanjaho ho anareo ty fitsignanareo!
Ho fahendreanareo zay.[6]Amizao njigno ty fandaharako; njigno ty fangataha ty sogniko. [7]Hivola amity tsy fahitia
ho aNagnahare vao nareo, vaho feie hivola amam-pitake ho aze? [8]Tena haneho hasoam-pagnahy amine vao
nareo? Hialy agne am-pitsara vatane vao nareo mba ho vavolombelo Nagnahare?[9]Mete aminareo vatane vao laha
mila anareo re? Afake ty hamitake aze manahake ty mete ho famitahagnareo ndaty vao rihao? [10]Hagnanatse
anareo vatane reke laha naneho fialogna miviny nareo.[11]Tsy hampatahotse anareo vao ty hasine? Tsy hitonta
aminareo vao ty tahotse aze? Ty vola fahatiarovagnareo le ohabola vita amity lavenoke; vaho ty vola
fiarovagnareo le fiarova vita amity tanemanga.[13]Tanjaho agne ty fitsignanareo, engaho raike raho, mba
hahafahako mivola, ao ho avy amiko ze ho avy. [14]Ty nifeko avao ro hagnobotako ty nofoko; vaho rambeseko ho
an-tagnako eo ty fiako. [15]Ingo, laha mamono ahy re, le ho foa ty fagnatenako; fa na izay aza, le hiaro ty lalako
agnoloane eo raho.[16]Ezao ro ho anto ty fialan-tsiniko, mba tsy handehanako agnoloane eo manahake ty ndaty
mpagnaratiraty. [17]Zagnahare o, njajigno soa ty tsara alahako; ao ty fitaliliako ho avy an-tsofinao eo.[18]Ingo amizao,
fa nalahako soa ty fiarovan-tegnako; haiko fa tsy mana-tsiny raho. [19]Ia iaze raike ze hialy amiko amity fitsaray?
Laha avy hanao izay riha, ka laha voaporofo fa diso raho, le hitsy raho ka hahafoe ty fiako.[20]Zagnahare o, zaka
roe avao ro anovo amiko, le tsy haminy ty vatako amity tarehenao raho: [21]afaho amiko ty tagna mampijalenao,
vaho ko enga hampatahotse ahy ty fampitahoranao. [22]Kaiho raho, le hamale raho; na magnega ahy hivola
aminao, le hamale ahy riha.[23]Fire ty hadisoako naho ty fahotako? Ampahaio ahy ty hadisoako naho ty fahotako.
[24]Nanao akore ro maminy ty tarehenao amiko ka minday ahy manahake ty fahavalonao? [25]Hagnidy raven-ketae
finao ty tioke vao riha? Hagnidy lila maike vao riha?[26]Fa manoratse zaka mafaitse handietse ahy riha;
hampadovagnao ahy ty hadisoa ty hatanorako. [27]Anoenao agnate gadra vy ao avao kea ty tomboko; enteanao
mariketse ty lalako iaby; dinihenao avao kea ty tane ze nikitsahe ty lelan-tomboko [28]na le manahake ty zaka lo ze
miharava aza raho, manahake ty siky lany ty kinakina.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 14

[1]Ty ndaty, ze natera-nampela, le miay andro kele avao vaho feno fijalea. [2]Mitimoke amity tane toy ty folera reke
vaho voatampake; milay manahake ty talinjo iareo tsy maharetse. [3]Mba magnete irey vao riha? Feie vao
indesinao ho tsarae miarake aminao raho?[4]Ia ro afake minday zaka malio baka amity zaka maloto? Tsy misy.
[5]Voatingy ty andro ty ndaty. Iriha ty mandily ty isa ty vola iagnane; iriha ro nanondro ty fara ze tsy azo hoare.
[6]Miodike amine mba hitsaharane, ka mba hankafizane ty androne manahake ty mpikarama laha afake manao
izay re.[7]Mete hisy fagnatena ty hetae; laha voatampake zay, le mete hitimoke ndraike, mba tsy hanjavo ty tahone
tanora. [8]Na le miha-antetse ao amity tane aza ty ravene, vaho mate ao amity tane ty fotone, [9]nefa na le maimbo
rano avao aza zay, le hitiry naho hisandrahake manahake ty zaka mitiry zay.[10]Fa mate ty ndaty; le ninjare maleme
re; eka vatane, mijano tsy miay ty ndaty, vaho aia reke bakeo? [11]Manahake ty fanjavogna ty rano amity farihy,
naho manahake ty firita ty renerano ka ritse, [12]le manao hoe zay koa ro hiroroa ty ndaty vaho tsy hifoha sasy.
Mandra-tsipisia ty lagnitse sasy, le tsy hifoha na hitsanga amity torimaso iareo.[13]Paieko ty mba hagnetahanao ahy
agne amity fiagna-tsy hisake lavitse ty fijalea, naho mba hitananao ahy amity mietake ao zisike ty ijanogna ty
helognao, naho hanendreanao andro voatoka ho ahy hijanognako agne naho mba hahatiaroagnao ahy bakeo!
[14]Laha mate ty ndaty raike, feie mboe hiay ndraike re? Laha izao, le magniry ty handy ty androm-pianterako iaby
agne raho mandra-piavia ty famotsora ahy.[15]Hikaike riha, le hamale anao raho. Hanampagniria amity asa ty
tagnanao riha. [16]Hagnisake naho hiaro ty liako riha; tsy hita ty hadisoako riha. [17]Ho voahisy tombokase agnate
kitabo ao ty fandikan-dalako; naho hanako ty hadisoako riha.[18]Te ndre ty vohitse aza mitonta naho ninjare
tsisiantone; [19]ndre ty vatolampy aza voahozongozo amity toerane; lany ty rano ty vato; lasa ty riane ty deboke ty
tane. Laha zay, ro hamotehanao ty fagnatena ty ndaty.[20]Mandrese aze zisikefarane riha, naho azone re, ovaenao
ty vatane naho halefagnao mba homate re. [21]Laha omen-kasy ty anadahine, le tsy haine zay, naho laha hoambane
iareo, le tsy hisane zay. [22]Ty fanaintay ty vatane avao ro haine, naho mandala ho ahy ty vatane re.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 15

[1]Le namale Elifaza ty Temanita le nanao tyhoe: [2]"Tokone hamale amity fahaia tsy misy antone vao ty ndaty
hendre raike naho hameno ty vatane amity tioke bakagne antignana? [3]Tokone handahatse amity rehake tsy
mahasoa vao re na amity kabary toe tsy hagnasoavane kea?[4]Eka mare, nagnambane ty hasy Nagnahare riha;
magnafake ty fanoloram-bato ho ahy iereo, [5]fa ty hadisoagnao ro manoro ty vavanao; nifily ty hanagna ty lela ty
ndaty fetse riha. [6]Ty vavanao avao ro magnameloke anao, fa tsy ty ahy; ty sogninao avao ro mita anao.[7]Sa riha ty
ndaty terake taloha? feie nanoe nisy taloha ty haboa vao riha? [8]Sa vao lefa naharey ty fahaia mivony Nagnahare
riha? Sa tananao ho amity vatagnao avao ty hamarea? [9]Ino ty haignao ze tsy haignay? Ino ro takanao te tsy
aminay avao kea?[10]Sambe miarake aminay ty foty volo naho ty lahilahy ampetao teie antetse nandako ty raenao.
[11]Sa kele vatane hoanao ty fampionogna Nagnahare, le tsy safa maleme aminao?[12]Nagnino ro minday anao
hiotake ty arofonao? Nagnino riha ro mipiepie-maso, [13]kane miotake amy Nagnahare ty fagnahinao le
magnakatse rehake manahake zay bakamity fitavanao? [14]Ino are ty ndaty ro tokone halio? Ino are ty
nateran'ampela ro tokone ho mare?[15]Ingo, Zagnahare le tsy manao fatokia na le amy iereo masy aza; eka mare,
tsy malio amasone eo ty lagnitse; [16]samendrake ty hakele ty falionao tele mampangaroharo naho raty toetse,
lahilahy minon-keloke manahake ty rano![17]Hatoroko anao; midranjigna ahy; hagnambara aminao reo zaka ze
hisako raho, [18]ty zaka ze tinalily ty ndaty hendre bakamity raene, ty zaka ze tsy mba nahaza ty razambeine.[19]Reo
ty razagnareo, teie nomea ty tane, naho te tsy mba nandalova ty vahiny indraike. [20]Ty ndaty raty fagnahy le
mijale an-tebetebe amity androne iaby, te ty tao natao hijalea ty mpaneresere. [21]Misy feom-korohoro antsofine eo;
laha ho hajarie re, le hoavy amine ty mpamoteke.[22]Tsy midineke re fa hihere bakao amity ieke; mandy aze ty
meso. [23]Mindeha agne amity toera isan-karazane re mba hipay mofo, manao tihoe: 'Aia zao?' Haine fa marine ty
andro ty faieke. [24]Mampitahotse aze ty fijalea naho ty fangirifiria, fa mandrese aze iereo, manahake ty mpanjaka
vognon-kialy.[25]Satria nandefa ty tagnane hanohetse aNagnahare re naho nieboebo nanohetse ty Tsitoha, [26]le
milailay mbaeo amy Nagnahare amity hamafean-katoke ze lahilahy raty fagnahy zay, miarake amity apinga
mateve.[27]Mare zay, na le nagnaja ty vatane tamity vondrane naho namory vondrane ho ahy ty valahane aza re,
[28]naho nitoboke tamity tana lao ao; tagne amity tragno tsy misy mitoboke henanezao naho te lefa vogno ty
honatao korontam-bato.[29]Tsy hanankarea re; tsy ho ela ty hareane; na ty alone aza le haharetse antane eto. [30]Tsy
hiakatse bakao amity ieke re; (Fagnamariha: Dikan-drehake vaovao maro ro tsy mahaintsy tihoe: "Tsy hiakatse
bakao amity ieke re," satria inoagn'iereo fa io rehake eo le voasoratse tsinahy bakao amy 15: 22) hisy afo
handrava ty sognine; vaho amity fofognay bakamity fitavan'Agnahare ro halasane.(fagnamariha: Ty lahatsoratse
Hebreo le misy tihoe: "Hidiso amity fofognay bakamity fitavane re", ty andika ty dikan-drehake ilane henanezao,
agnate zayty ULB naho ty UDB, ho fofognay bakamity fitava Nagnahare. Na zay aza, misy dikan-drehake Grika
raike tihoe: "hihintsa miarake amity tioke ty vonine.")[31]Ao re tsy hatoky zaka-foa, naho hamitake ty vatane; fa tsy
zaka-foa ro ho valesoane. [32]Hitsanga mialoha ty tokone hiavia ty fotoa hifatezane zay; naho tsy ho maintso ty
ravene. [33]Hagnitsa ty voa tsy matoene manahake ty voaloboke re; naho hagnakatse ty vognene manahake ty
hetaen'oliva.[34]Fa ty tarike ty mpagnaraty le tsy hiterake; handrava ty tragno ty vandevandene ty afo. [35]Jale ro
torotorognene naho heloke ro haterane; fitake ro torotoroe ty trogn'iareo."

Chapter 16

[1]Naho namale ty Joba le manao tihoe: [2]"Lefa naharey zaka manahakizay maro raho; mampiono mahaferegnay
iaby nareo, [3]Mba hisy fijanognane vao io rehake tsy misy antone? Ino ty hejegnao re le mamale hoe zay riha?
[4]Afake mirehake manahake anareo avao kea raho, laha nareo ro teo amity toerako; afake mamory naho mangaro
rehake raho handese hanohera anareo naho hagnifikifike ty lohako aminareo amity vande. [5]Eh, te-hampahere
anareo amity fitavako raho! Hehe ty ho famaivagna ty fampiognona ty sogniko ty alahelognareo![6]Laha mirehake
raho, le tsy mihe ty alaheloko; laha mitsy kea raho, ino ty hagnampea ahy? [7]Fa henanezao, ro Zagnahare, le
nirehafenao raho; rinavanao ty longoko iaby. [8]Nimaihenao raho, ty vavolombelo mandietse ahy avao; nitsanga
handietse ahy ty fahia ty vatako, vaho vavolombelo mandietse ty tareheko zay.[9]Tagante ty heloko ro namoteha
Nagnahare naho nanesehane ahy; nihily vaza tamiko re; le nanondro-maso ahy ty fahavaloko laha mboe
nandrava ahy re. [10]Nihagnahagna vava tamiko ty ndaty; tinakapy iareo tamity fagnomean-tsiny ty tareheko;
niarake-nivory hanohetse ahy iereo.[11]Atolo Nagnahare amity ndaty mpandraty eo raho, naho atorane egne
antagna ty ndaty raty fagnahy. [12]Nilamy raho, le pinotene, nataone mareke ho kendrene avao kea raho.
[13]Magnodidy ahy iareo mpanao folese; tsinoba Nagnahare tsy hanagnane ferenay ty voako; ararane amity tane ty
aferoko. [14]Vangoene zisikagne ty rindriko; milailay mamonje ahy manahake ty mpialy re.[15]Zinarako tankoliko eo
ty akanjo fandala; lefa nalenteko ao amity tane ty trifako. [16]Mena ty tagny ty tareheko, amity holimasoko eo ty alo
ty fifateza [17]nale tsy misy seresere aza ty tagnako, naho malio ty fivavako.[18]Re tane e, ko takofa ty lioko; ao tsy
hana toera hidranogna ty fitagniako. [19]Nale henanezao aza, ingo, agne andagnitse ty vavolombeloko; agne amity
abo ty mpiantoke ahy.[20]Manitsesitse ahy reo ragneko, kanefa mandatsan- dranomaso hoa Nagnahare ty masoko.
[21]Mangatake ze vavolombelo tagne andagnitse zay raho mba hialy ho ahy ty ajahy toy amy Nagnahare eo
manahake ty atao ty ndaty amity mpiaramivelo amine raho! [22]Lefa afake tao tsiampeampe, le hoagne amity toera
raike te tsy himpoliako sase raho.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 17

[1]Rava ty fagnahiko, naho tampetse ty androko; lefa vognon-koahy ty kibory. [2]Le hay fa misy mpamerevere ty
amiko eto; tsy mahaintsy hanente ty fikontsiagniereoisan'andro ty masoko. [3]Magnomea antoke izao, ao ho antoke
ho ahy riha miarake amity vatagnao; ia kea ty eto hagnampe ahy?[4]Fa riha, ro Zagnahare, nita ty arofogn'iereo tsy
hoamity fahitian-tsay, naho zao, tsy hagnakatse iereo ho amboneko riha. [5]Re ty mita reo namane tamity valesoa;
leho poake ty maso ty anane.[6]Nefa nataone ho ventendrehake ty vahoake raho; nandroragniereo ty vatako. [7]Jiky
naho ty hadisoako kea ty masoko; ty rantsam-batako iaby le mahia manahake ty aloke. [8]Reo ndaty mahity le ho
maro amizay; ty ndaty tsy mana-tsiny handrisike ty vatane handietse ty ndaty mpandratiraty.[9]Ty lahilahy mare le
hipiteke amity lalane; te mana tagna malio le hotombo here zisikagne. [10]Nefa hoanareo iaby, miavia eto amizao;
tsy hahisake ndaty hendre aminareo eo raho.[11]Lefa lasa ty androko; rava ty dineko, naho hoe zay kea ty fagniria
ty arofoko.(fagnamariha: ty dikan-drehake ilane vaovao le manao tihoe: "Lasa ty androko, naho kea ty heveko. Ty
fagniria ty arofoko le tampe "na".....ty taly ty arofoko le fa poteke" Ty hafa manao tohoe: "Agne ty androko; tampe
ty heveko, naho kea ty fagniria ty foko") [12]Reo ndaty reo, reo mpandratiraty reo, le mamalike ty haleke
hoantoandro, agnila ty ieke ty mazava.[13]Satria magnente ty fiaigna tsy hisake manahake ty tragnoko raho; satria
magnele ty firoroako tamity ieke raho; [14]satria nirehake tamity lavake raho tihoe; 'Roako riha' naho tamity soko
tihoe: 'Roeneko na anabaveko riha', [15]le aia zay ty fagnatenako? Laha ty fagnatenako, ia ty hahisake zay?
[16]Hindeha miarake amiko agne amity vavahady ty fiaigna tsy hisake vao ty fagnategna lahafa mindeha agne
amity deboke tika?"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 18

[1]Bakeo ty Bilidada iaze Sohitay namale naho nirehake ty hoe: [2]"Mbia vaho hajanognao ty rehanao? Dineho, naho
afaragn'izay le hirehake zahay.[3]Nagnino zahay ro dinehe manahake ty biby; nagnino zahay ro ninjare gege
amasognao eo? [4]Riha ze mandreperepe ty vatagnao amity helognao, tokone hahafoe hoanao vao ty tane sa tokone
hoafaha amity toerane vatolampy reo?[5]Eka mare, ho vonoe ty hazava ty ndaty raty fagnahy; tsy hamirapiratse ty
pite-kafone. [6]Haieke ty hazava antragnone ao; naho[7]Hoboriborie ty lala ty herene; ty dinene avao ro handrava
aze. [8]Le himafe agnate harato amity alala ty tombone avao re; naho hipoke agnate fandrike raike re.[9]Hisy
fandrike hahazo aze amity kitro; naho hita aze ty fandrike. [10]Misy fandrike raike mietake hoaze amity tane; naho
fandrikeraike hoaze amity lala. [11]Hampitahotse aze ty fampitahora amity sisine iaby; hagnidy aze amity kitrone
iereo.[12]Hinjare hakere ty ozane, naho ho vogno nko eo agnilane ty loza. [13]Ty vatane le ho voarapake; eka mare, ty
voalohan-terake ty fifateza le handrapake ty fiaine.[14]Miriorio tsy miaro ty tragnone re naho hiboake mbaeo amity
mpanjaka ty horohoro. [15]Ty ndaty ze tsy gnaze le hitoboke antragnone ao afara ty hahisaha iereo te nirerere feno
ty tragnone ty solifara.[16]Homaike bakagne ambane ty tahone; naho ambone eo ro handilia ty tahone. [17]Hofoa
antane eto ty fahatiarova aze; tsy hana agnara andala egne re.[18]Hoente bakagne amity mazava hoagne amity
maike re naho hovoaroake amignizao tontolo izao. [19]Tsy hanagnanake na zafe amity longone re, na hana sisa
tavela amity fokone nijanognane. [20]Iereo ze mitoboke agne ahandrefa le hiholiboro amity hahazo aze ndraike
andro agne; naho iereo ze mitoboke agne antignana le hatahotse amizay.[21]Mete manahake izay ty tragno ty ndaty
tsy mare, le ty toeragniereo ze tsy mahay aNagnahare"

## Chapter 19

[1]Le namale ty Joba kale nanao tihoe: [2]"Hirifire ro hampijaleanareo ahy naho hamotepotehagnareo ahy amity
safa?[3]Tamize nagnambaneambanea gnareo ahy impolo zay; tsy mba megnatse nampijale ahy nareo. [4]Laha tena
mare vatane naho lefa niotake raho, le hijano hoahy arere ty hadisoako.[5]Laha hagnambone ty vatagnareo
hoamboneko vatane nareo naho hampiasa ty halatsam-barakako handietse ahy, [6]le tokone ho haignareo fa i
Zagnahare lefa manao ty tsy mete tamiko naho nahatratse ahy tamity fandrine.[7]Ingo, mitaray raho tihoe;
"Seresere!"nefa tsy mahazo valene raho. Nikaike famonjea raho, nefa tsy nahazo ty mare. [8]Nasiane rindry ty
lalako mba tsy hahaiako mindeha, naho nanao ty ieke tamity lalako re. [9]Nafahane tamiko ty hasiko, naho lefa
nagnafake ty satron-kasy tamity lohako re.[10]Lefa namoteke ahy tamity zorone iaby re, le lasa raho, nombotane
manahake ty hetae ty fagnatenako. [11]Narehene tamiko avao kea ty helone; raesene manahake ty raike amity
fahavalone raho. [12]Miarakavy ty tafine; mananga dogon-tane hanafiha ahy iereo naho mitoboke magnodidy ty
tragnoko.[13]Nagnafake reo rahalahiko laviste ahy re; nihafahafa tamiko vatane ndre ty ndaty haitso. [14]Nahafoe ahy
ty longoko; lefa nagnaligno ahy ty ragneko marikitse ahy.[15]Ze mba nijano mba hombahiny tantragnoko ao
hatrizay naho iereo ndevo vaveko le mandrambe ahy manahake ty ndaty tsy mifankahay; mbahiny raho
amasogniareo. [16]Mikaike ty ndevoko raho, nefa tsy nanoy ahy re nale mihalale aze amity fitavako aza raho.
[17]Mamparare ty valiko ty fofgnaiko; maparitsike ze natera ty tro ty roeneko vatane aze raho. [18]Ndre ty kolo aza
manao tsinotsino ahy; laha mitsanga hivola raho, le mivola mandietse ahy iereo. [19]Ty ragnetso nahazatse iaby le
malay ahy; nivalike tamiko iereo ze teako.[20]Mipiteke amity nofoko naho ty holiko ty taolako; ty mba ivelomako le
amity holy ty nifeko. [21]Misia fagnampea amiko, managna fagnampea amiko, ro ragnetso, satria ty fita Nagnahare
le fa nikasike ahy. [22]Nagnino nareo ro maneseke ahy manahake ty hoe nareo ro Zagnahare? Nagnino ro tsy afa-po
amity fandevogna ty nofoko nareo?[23]Eh, lonike leho voasoratse ty volako henanezao! Eh, lonike le ho voatahiry
agnate boke ao rey! [24]Eh, lonike leho voatahiry amity sitilo vy naho firake amity vatolampy zisikizay rey![25]Nefa
laha ty amiko, haitso fa velo ty mpagnavotse ahy, naho agne amity farane le hitsanga amity tane eo re;
[26]afaragnizay ty holiko, zane hoe, ty vatagne toy, le poteke, naho le amity nofoko ro hahisahako a Nagnahare.
[27]Hahisake aze amity masoko vatane raho-Iraho, fa tsy ndaty hafa. Toe fa rerake mandy zay ty arofoko agnateko
ato.[28]Laha hoenareo tihoe:'Ino ty hanesehantika aze! Ty nifotora ty fijaleane le amine ao, [29]naho matahotse ty
meso, satria ty hadisoa le hahavy fagnaliloa amity meso, mba hahaiagnareo fa misy ty fitsara."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 20

[1]Le namale i Zofara iaze Namantita naho nivola tihoe: [2]"Ty vetsevetseko ro mahavy ahy hamale tsiela naho ty
tebetebe agnateko ao. [3]Maharey vola mafe misy fagnahy bakamity fahitian-tsaiko mamale ahy.[4]Tsy haignao vao
ze zaka misy zao zisike amity andro taloha, laha nanao ty ndaty tantane eto ty Zagnahare: [5]ty faharesea ty ndaty
raty fagnahy le foheke, naho ty hafalea ty mpandratiraty le maharetse andro foheke avao?[6]Nale mahatakatse ty
lagnitse aza ty haabone, naho magnanike ty raho ty lohane, [7]le mboe ho rava manahake ty malotone ty ndaty hoe
izay; iereo ze nahisake aze le hivola tihoe: 'Aia re?'[8]Hitily manahake ty nofy re naho tsy ho hisake; eka mare, ho
enjehe manahake ty fahisaha amity haleke re. [9]Ty maso ze nahisake aze le tsy hahisake aze sase; ty toerane le tsy
hahisake aze sase.[10]Hiala tsiny amity ndaty mijale ty anane; tsy mahaintsy hagnere ty harea azone ty tagnane. [11]Ty
taolane le feno ty hozatse ty hakelea, nefa hiroro miarake amine agnate deboke zane.[12]Nale mamy am-bavane ao
aza ty haratia, na le maminy zane ambane ty lelane ao aza re, [13]na le mita zay ao naho tsy magnega zay hindeha
fa mboe mita zay soa ambavane ao avao aza re-[14]le minjare mafaitse ty hane agnate tinaine ao; lasa poizy
bakamity bibilava agnatene ao zay.[15]Mitelen-karea re, nefa handoa izay ndraike, haboan'Agnahare bakao amity
trokene zane. [16]Hofeno ty poizy ty bibilava, hamono aze ty lela ty menara.[17]Tsy ho tea ty renerano, ty ria ty tantela
naho eron-dronono re. [18]Hagnere ty vokatse ze nasaene re naho tsy afake hihina zay; tsy afake ty hotea ty harea
azone tamity varone re. [19]Satria re mampijale naho nanao tsisy dikane ty ndaty mijale; nangalake an-kerene ty
tragno toe tsy naorene re.[20]Satria re tsy nahay haentsaha tamity vatane, le tsy afake ty hiaro ty zaka iaby ze
nangalane moremoretse re. [21]Tsy misy ty sisa naho tsy tsinakone; laha izao le misy farane avao ty hasoane.
[22]Hipoke agnate fijalea amity hamaro ty hareane re, ty tagna ty kiradraike ze agnate fijalea le hoavy handietse
aze.[23]Laha fa hameno ty trone re, le hatora Nagnahare amine ty hatao ty hadisoane; hamototse zay amine eo ty
Zagnahare laha fa ampihinana re. [24]Na le hilay ty zakam-pialia vy aza ze lahilahy zay, le hahavoa aze ty folese
varahy. [25]Hitsovoke bakao andambosine ty lefo naho tafaboake; naho hiboake bakao amity atene ty dongone
miziozio; ho avy amine ty horohoro.[26]Ieke vatane ro mandy ty hareane; naho afo tsy tiofe ro hagnoro aze,
handrava ze sisa tavela agnate ty tragnone zane. [27]Hitalily ty hadisoane ty lagnitse, naho hitsanga vavolombelo
handietse aze ty tane.[28]Hovere ty hareane antragnone ao; hidria hiala amine amity andro ty himeloha Nagnahare
reo fanagnane. [29]Izay ty anjara ty ndaty raty fagnahy bakamy Nagnahare, ty lova natoka hoaze bakamy
Nagnahare."

## Chapter 21

[1]Naho namale ty Joba le nanao tihoe: [2]"Njajigno soa ty rehako, naho engao ho fankahereza homeanareo ahy zay.
[3]Mahareta amiko, naho hirehake avao kea raho; afara ty hirehafako, le magnafaha zisikagne.[4]Laha ty amiko,
amity ndaty raike vao ty fitaraignako? Nagnino raho ro tsy tokone tsy tokone hanampahareta? [5]Henteo raho naho
ao ho hisake, naho atoboho amity vavanareo eo ty tagnanareo. [6]Lahafa midineke ty fijalea raho, le matahotse,
vaho le velon-kovitse ty vatako.[7]Nagnino ty ndaty raty fagnahy ro mboe miay, tratse antetse, naho mitombo here
amity fandilia? [8]Miore miarake amine amasoagn'iereo ty fokone, naho ty anane le miore amasogniereo. [9]Ty
tragnogniereo le lavitse ty tahotse; naho tsy amy iereo eo ty jera Nagnahare.[10]Mampagnarake ty agnombelahine
iereo; naho le mahavagno; ty agnombe vavegniereo le miterake naho tsy mienga ty anane mboe kele.
[11]Magnakatse ty anane manahake ty agnondry aman'ose iereo, naho mandihy ty anane. [12]Miantsa amity langoro-
tampake iereo naho mifale miarake amity feon-tsody.[13]Mivelo ty androne amity fagnambina iereo, naho mizotso
mora hoagne amity fiaignan-tsy hisake.[14]Hoe iereo amin'Agnahare ty hoe : Misintaha aminay fa tsy magniry ty
hahay ty lalagnao zahay . [15]Ino moa ty aze tsitoha, ro tokone hanompo aze zahay? ino ty tombone azognay laha
mivavake amine zahay?[16]Ingo, feie vao tsy antagnagn'ireo eo avao ty fangambinagn'iereo? tsy ahoako ino ty dine
ty ndaty raty fagnahy.[17]Impire te mate ty jiro ty ndaty raty fangahy, na avy amine eo ty lozagn'iereo? Impire ro
mizara heloke amy iereo amity helone ty Zagnahare? [18]Impire iereo ro avy manahake ty mololo tiofe ty tioke na
manahe ty hindy ente ty tafion-tioke ?[19]Hoe nareo ty hoe: Zagnahare magnajary ty helone mba hoefagn'iereo
anane. Engao ty vatane avao ro hagnefa zay, mba hahaiane ty helone. [20]Engao ty masone hahisake ty firavane,
naho engao re hino ty helogny tsitoha.[21]satria ino ro hira harahane ty miomba iereo fokone afarane laha fa
tampake ty isagn'ireo volane?[22]Feie vao misy ndaty nete magnanatse hilala an'Agnahare satria na le iereo ambane
aza le re ro mitsara? [23]ty ndaty raike le mate agnate ty herene maro, feno vatane naho milamy.[24]feno ronono ty
vatane, naho ty rontaolane le maliso naho salamasoa.[25]misy ndaty raike hafa mate agnate ty fararea ty fagnahy ,
ndaty tsy mboe nivelo zakasoa. [26]sambe miroro agnate deboke iereo; naho naho manako ty vatagn'iereo roe ty
soko .[27]Ingo haiko ty dinegnareo, naho reo ze iriegnareo mba handisoa ahy. [28]fahoe nareo ty hoe: Aia zane ty
tragno ty roandrian-dahy? aia ty tragno ty nitoboha ty raty fagnahy taloha?[29]tsy mboe nagnotane ty ndaty
mpandeha lavitse vatane vao nareo? tsy haignareo vao ty atone azogn'iereo safane, [30]Te voa aro amity andro ty
loza iereo raty fagnahy , naho havarotse lavitse ty andro ty heloke re ?[31]Ia ro homeloke ty fomba ty raty fagnahy
agnoloane eo? Ia ro handoa aze amity zaka vitane? [32]Nefa mboe ho ente hoagne an-kibory re; ty ndaty le hiambe
ty kiborine. [33]Homamy amine ty tanem-baibo; hagnorike aze bakeo afara ty ndaty iaby, manahake ty
nindehanagnireo ndaty maro tsy voa isake talohane eo.[34]Nagnino are nareo ro mankahare ahy amity zaka tsy
misy antone, satria ao amity valendrehagnareo le tsy misy naho tsy vande avao?"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 22

[1] Le namale Elifaza iaze tamanita le nirehake ty hoe: [2]Mete paien'Agnahare vao ty ndaty? Mete paie vao ty
lahilahy hendre? [3]feie vao soasoa amigny tsitoha laha mare riha? feie vao tombone hoaze laha manao ty lalagnao
ho tsy misy tsiny riha?[4]Feie vao ty fanoroanao fagnaja aze ro hagnaliloane anao? [5]feie vao tsy foloay ty
haratiagnao ? tsy misy farane vao ty vitagnao?[6]Te le fa nangatake fitana tamity fitsosam-bola ty rahalahignao
tamity tsy misy antone riha, naho lefa nagnom-bake siky tamity nisiky riha. [7]Tsy nagnomea rano ho nome ty
ndaty rerake riha; nita mofo tsy hoahy ty ndaty kere riha, [8]na le ndaty mahare aza riha, ty nana ty tane, na le
ndaty manan-kasy aza riha, teie nitoboke tamizay ao.[9]Na lefagnao maike ty mpivembata; naho ty tagna ty bode le
tinampe. [10]Laha izao, misy fandrike ty magnodidy anao iaby, naho ty hakelea tampoke ro nampijale anao. [11]Misy
ty ieke, mba tsy hahisahanao; naho ty rano bey manaro anao.[12]Feie vao ty Zagnahare tsy agne amity ha abo ty
lagnitse? Heteo ty ha abo ty kinta, hehe ty ha abo iereo! [13]Naho hoe riha ty hoe: Ino ro hain'Agnahare? Mete
hitsara amity alala ty iempito vao re? [14]Ty raho mateve ro fitakonane, mba tsy hahisahane antika; mindeha egne
amity andoha lambo ty lagnitse re.'[15]Hiambe ty lala taloha ze nomba ty ndaty raty fagnahy vao riha - [16]Iereo ze
nafaha taloha ty fotoa, iereo ze voafaoke manahake ty renerano ty fotogn'iereo, [17]Iereo ze nirehake
tamin'Agnahare ty hoe: 'Midisoa aminay'; iereo ze nanao ty hoeke: 'ino ro azogn'i tsitoha atao aminay?'[18]Kanefa
mboe mameno ty tragnogn'iereo tamity zaka-soa re; ty dinegn'iereo raty fagnahy le lavitse ahy. [19]Ty ndaty mare
mahisake ty anjarane naho fale; ty ndaty tsy manan-tsiny mihehe iereo mba hikizake aze. [20]Hoe iereo ty hoe: ;'Azo
mare fa tinampake iereo ze nitsanga manohetse antika; nandrava ty fanagnane ty afo.'[21]ka henane zao, magnekea
an'Agnahare naho milongoa amine; amize fomba zay, ro hiavia ty soa aminao. [22]Mangatake aminao raho,
mangala fagnanara bakamity sognine; tano ampognao ao ty rehane.[23]Laha mihere amy tsitoha riha, le hihamafe,
laha manao ty tsy fimareanao lavitse ty tragnonao riha. [24]Ampiroro amity deboke eo ty hareagnao, ty volamena
Ofria amity vato ty baibon-driake eo, [25]Naho ty tsy toha ro ho hareagnareo, vola foty sarotse hoanao.[26]te amizay le
hifale fale amigny tsy toha riha, hagnambone ty vatagnao amin'Agnahare riha. [27]Hivavake amine riha, le hidranjy
anao re; hagnefa ty voadignao amine riha. [28]Handily ty zaka iaby kea, naho le ho hamafea hoanao zay, hamiratse
amity lalagnao ty hazava.[29]Zagnahare le mampaleme ty ndaty mirehareha, naho magnato ty ndaty mandrotso ty
masone. [30]Hagnafake re na le ty ndaty manan-tsiny aza; le hovonje amity falio ty tagnanao."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 23

[1]Bakeo joba namale le nanao ty hoe: [2]" Na le androany aza le marare ty fitaraignako; ty tagnako [fagnamariha: ty
dika ilane le misy ty hoe: " ... ty tagnane..."] le mavesatse noho ty fitaraignako.[3]Nefa, laha mba haiko ty mete
hahisahako aze! Eh mba hiviko amity toerane! [4]Handahatse ty aliko agnoloane raho naho ty fitavako amity fahaia
mirehake. [5]Hianatse ty rehake ze hamaleane ahy raho naho hahazo ze horehafene amiko.[6]Hivetse hanotse ahy
amity habey ty hasine vao re? aha, hidranjy ahy re. [7]Agne ro hialy hevetse amine ty danty mahity. Amize fomba
zay ro hagnafaha ty mpitsarako ahy maliolio zisikagne.[8]Ingo, mindeha mianignana raho, fa tsy agne re, naho
miankandrefa, nefa tsy mete mahisake aze raho. [9]Ty agne avaratse, ty iasane, nefa tsy afake mahisake aze raho,
naho ty agne antimo, te agnajane ty vatane mba tsy hahisahako aze.[10]Nefa mahay ty lala ze ombako re; laha fa
nandrio ahy re, le hiboake manahake ty volamena raho. [11]nipiteke tamity liane ty tomboko, nipiteke tamity lalane
raho naho tsy niotake. [12] tsy niala tamity lily ty sognine raho; ty reha ty fitavane le nitanako ampoko mihoatse toe
zay ty anjara haneko.[13]Fa tsisy faharoene re, ia ro afake handefa aze ndraike? Ze iriene le anoene. [14]Fa anoene
hanohetse ahy ty lalàne; misy maro hoe reo.[15]Laha izao, mihorohoro raho amity fiatrefane; laha fa midineke ty
miomba aze raho, le matahotse Aze. [16]Satria lefa nanoe Nagnahare maleme ty arofo; nampitahotse ahy ty tsitoha.
[17]Tsy tinampetse tamity ieke raho, noho ty iem-bey ze manako ty iem-pito ty vatako.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 24

[1]Nagnino ty fotoa fitsara ze raty fagnahy ro tsy nanoegny tsitoha? Nagnino iereo ze matoky an'Agnahare ro tsy
mahisake ty fiavia ty andro ty fitsaràne?[2]Misy ndaty raty fagnahy, magnafake ty mareke ty sisin-tane; misy ndaty
raty fagnahy teie mangalake maike ty agnondry aman'ose naho manao izay amity valagn'iereo arere. [3]Mandroake
ty borike ty boderae iereo; mangalake ty agnombe ty mpivembata ho fignarova iereo. [4]Manere ty ndaty sahira
hiala amity lalane iereo; ty ndaty mahantra ty tane le mietake iereo iaby.[5]ingo, ty ndaty mijale eo le miakatse
miasa manahake ty borikénala agne amity tane monto, mipay hane mafe; asa ne mba hagnomey iereo hane
hoahy ty ana-gniereo avao ty Araba. [6]Ty ndaty mijale le mihaza agne amity baibo ty ndaty hafa amity haleke;
mitsimpo ty voaloboke bakamity vokagnireo ndaty raty fagnahy iereo. [7]Miroro tsy misiky tsy misy akanjo iereo ty
haleke iaby; tsy mana saro iereo amity nintsy.[8]Kotsa ty ereke ty vohitse iereo; naho miroro agnila ty vato foloay
satria tsy misy hialofa. [9]Misy ty raty fagnahy magnafake ty bode antratra-drenene eo, naho ndaty raty fagnahy ty
mangalake ty kolo ho fiaro amity ndaty mijale [10]Fa ty ndaty mijale le mindehandeha tsy misiky, na le mindeha
keré aza iereo, le minday ty varegnity ilane.[11]ty ndaty mijale le manao diloilo agnate ty rindry ze raty fagnahy
mandialia amity fameahan-divay ty raty fagnahy iereo, fa ty vatagn'iereo le mijale ty arandrano. [12]Miay ty ndaty
amity taná, mikorake mafe ty vavag'iereo ty Zagnahare.[13]Ty ilane tamity ndaty raty fagnahy reo le niharo
manohetse ty zava;naho tsy haign'iereo ty lalane, ro mijano amity lalane iereo [14]Aloha ty andro mazava ro
mitsanga ty mpamono ndaty naho mamano ty mijale naho ty ndaty sahira; manahake ty mpangalatse re amity
haleke .[15]Mandý ty hariva avao kea ty masognireo mpitsangatsanga; hoe re ty hoe: `Tsy hisy maso hahisake ahy.'
Manako ty vatane re. [16]Amity ieke ro hisavagn'i ty ndaty raty fagnahy ty tragno; te iereo le mampitsý ty
vatagn'iereo amity andro; tsy miraharahaty zava iereo. [17]Amie iaby, ty iempito le manahake ty maray; satria iereo
le longo ty fampitahotse ty iempito.[18]Na zay aza nefa le horava tsiela iereo, manahake ty roatra mihafo egne
ambone rano; ty anjarantanegniereo le voa azo; tsy misy ndaty hindeha egne hiasa amity tanem-
boalobogn'iereo. [19] Manahake ty nitranaha ty maintane naho ty hafana ty havandra ho rano, ty hangalá ty
fiaignan-tsy hisagniereo ze nandiso.[20]Ty troke ze ninday aze le hagnaligno aze, ty soko ro hihina azo an-katavea;
tsy ho tsy tsiarone sase re; amize fomba zay, ro hahapoteke ty haratia manahake ty hetae.[21]Ty raty fagnahy le
handrapake ty ampela tsy miterake; tsy nanao soa amity mpivembata re.[22]Kanefa Zagnahare mboe mitarike ty
ndaty mahere amity alala ty herene avao; mintsanga re naho tsy maha mafe iereo amity fiaigna. [23]Zagnahare le
namototse iereo hidineke fa miroro soa iereo, naho fale ty amizay iereo, nefa ty masone le egne amity lalane.
[24]Akare reo ndaty reo, kanefa, agnate ty fotoa tsiampe avao, le holasa iereo; eka mare, hoambane iereo, havory
manahake ty ilane iaby iereo, ho tampahe manahake ty salohim-bare iereo [25]Laha tsy zay, ia ty homete
hagnamare ahy hampavande; ia ty afake hanao tsinotsino ty rehako?


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 25

[1]Vaho Bildada iaze Sohita namale le nirehake tihoe: [2]"Amine ao ty fandilia naho ty tahotse; mandamy agne amity
toera abo agne an-dagnitse re. [3]Misy farane vao ty isa ty tafine? Amignia ro tsy tsy hamirapirata ty fahazavane?
[4]Manao akore are ro hahamare ty ndaty amy Nagnahare? Manao akore ty hampalio ty natera nampela, ho azo
eke amine eo? [5]Ingo, fa ndre le ty vola aza tsy mamiratse amine; tsy malio amity masone ty kinta. [6]Samentsake ty
ndaty, teie soko-teie anagn'ondaty, teie soko!"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 26

[1]Vaho namale ty Joba le nanao tihoe: [2]"Ingo ty fagnampeanao ty raike te tsisy herene! Ingo ty namonjeagnao ty
sandrigne tsy nana-kere! [3]Ingo ty nanoroagnao hevetse ty ndaty le tsy manam-pahitia naho ty nagnambaragnao
hilala soa tamine! [4]Tamity ty fagnampea gnia ro nivolagnanao reigne safa regne? Fagnahy nia ro niboake bake
aminao?[5]Lasa mihovitse ty mate, le iereo ze agne ambane rano naho iaby ze mitoetse amign'izay. [6]Tsy misiky
agnoloa Nagnahare ty fiaigna tsy hisake; ty harava vatane ro tsy misy fanakofa amine.[7]Mamelatse ty lagnitse
avaratse egne amity toera mibagnagnoake re, naho magnato ty tane amity tsy misy. [8]Mampiharo ty rano amity
raho mateve re, nefa tsy riatse ambanegnizay ao ty raho.[9]Manako ty vola re naho manjara ty rahone amizay eo.
[10]Nanokitse faritse boribory tambone rano ho efetse amity mazava naho ty maieke re.[11]Mangitikitike ty amity
lagnitse naho taitse tamity rehane mafe. [12]Nampiegne ty riake tamity herene re; tamity fazavan-tsaine ro
nanontane an-drehaba.[13]Tamity fofonaine ro nampisavane ty lagnitse; ty tagnane ro nitsoboke ty menara
tampilaisa. [14]Ingo, pakilane amity lalane avao zay, henhe ty faleme ty bitsike bakamine! Ia ty afake manakatse ty
fidobo ty herene?"



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 27

[1]Le nanohy nirehake ndraike ty Joba le nanao tihoe: [2]"Laha mboe velo vatane ty Zagnahare, ty nagnafake ty
rarene ho ahy, i Tsitoha, te nampijale ty fiagnako, [3]laha mboe amiko ato ty fiako, naho ambagnoroko eo ty
fofogn'aiko bakamy Nagnahare, le izao ty hanoeko.[4]Tsy hivola haratia ty sogniko, na hirehake fitake ty lelako; [5]tsy
hagneke vatane raho te hoe mare nareo telo; zisike ty hifatezako le tsy nilietse ty fahitiako vatane raho.[6]Tanako
mafe ty hamareako naho tsy hoengako hindeha; tsy hagnamegnatse ahy vatane ty vetsevetseko laha mboe velo
raho. [7]Ao ty fahavaloko hanahake ty ndaty raty fagnahy; ao ze mitsanga handietse ahy hanahake ty ndaty tsy
mare.[8]Te ino ty fagnatena ty mpandratiraty laha fa ho potehe Nagnahare re, laha fa afaha Nagnahare ty arofone?
[9]Feie ho rey Nagnahare ty taraine laha fa avy amine ty fijalea? [10]Feie hamalefale ty vatane amigny Tsitoha re naho
hikaike a Nagnahare amity fotoa iaby?[11]Hanatse anareo miomba ty fita Nagnahare raho; naho tsy hagnetake ty
dinegny Tsitoha raho. [12]Ingo, nareo iaby vatane ro nahisake toy; ka nagnino are nareo ro nirehake ze zaka tsy
misy antone iaby zao?[13]Ezao ty anjara ty ndaty raty fagnahy amy Nagnahare, ty lova ty mpampijale te raesene
bakamity Tsitoha laha mihamaro ty anane, le hoahy ty meso zane; tsy ho ampe hane vatane ty fokone.[15]Reo ze
sisa velo amizay le haleve ty arete-mandany, naho ty valy nenga iereo tsy mba mitagny iereo. [16]Na le mamory
volafoty manahake ty deboke aza ty ndaty raty fagnahy, naho mamory siky manahake ty tane manga, [17]le mate
hamory siky avao reo, fa ty ndaty mare ro hagnisy zay, fa ty ndaty mare ro hagnisy zay, naho ty ndaty tsy manan-
tsiny hizara ty volafoty amy iereo eo.[18]Mananga ty tragnone manahake ty hala re, manahake ty tragno akata ze
anoe ty mpiambe. [19]Mandy ampandrea ao amity fanagnan-karea re, nefa tsy hijano amizay re; mamoha ty
masone re, naho lasa ty zaka iaby.[20]Mandeteke aze manahake ty rano ty horohoro; mangalake aze amity haleke ty
tafion-tioke. [21]Ente ty tioke bakagne antignana re, naho ninjare, mamafa aze tsy ho eo amity toerane zay.
[22]Magnamafe ty vatane agne amine zay naho tsy mijano; miezake ty miala ty tagnane re. [23]Mitehan-tagna aze
amity fagniliha zay; mikosikosike aze hiala amity toerane zay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 28

[1]Mete fa hisy toeram-pipaia volafoty, toera fagnaliova gniereo volamena. [2]Ty vy le nalae bakamity tane; ty vara ty
le mitsanake midiso bakamity vato.[3]Mampisava ty ieke ndaty naho midineke, zisikagne amity efetse lavitse
vatane, ty vato agne agnate ieke naho iem-bey. [4]Mihaly lavake midiso ty toera hitoboha ty ndaty re, toera te lefa
niha lignoe ty ndaty. Mihanto lavitse ty ndaty re; mihafohafo etia naho eroa re.[5]Laha ty amity tane ty iakara ty
mofo, le mivalike ambane manahake ty tamity alalagny ty afo zay. [6]Ty vato gnizay ro toera ahisaha reo sahira,
naho ty debone le misy volamena.[7]Tsy misy voro mpihaza mahay ty ao, na ty maso ty voromahere ka mahisake
zao. [8]Tsy misy bibin'ala mafe le nandia ty lala manahake zay, ndre liona masiake mba mandrio teo.[9]Ty ndaty le
mametrake ty tagnane ambone vato karanga eo; avaline zisikagne amity tahone ty vohitse. [10]Manampake fantso
amity vatolompy re; mahisake ty zaka sarobily iaby ao ty masone. [11]Manentse ty riake mba tsy hindeha re; teie
mihaja amizay ao le hakarane hoamity mazava.[12]Aia ty hahisaha ty fahendrea? Aia ty toera ty fahitiantsay? [13]ty
ndaty le tsy mahay ty viline; naho tsy hisake amity tane ty velo zay. [14]Ty rano laleke ambane ty tane maro ty hoe:
`Tsy amiko atoy zay'; ty riake manao ty hoe: `tsy amiko atoy zay'.[15]tsy azom-bolamena zay; na ty vola foty aza tsy
azo lanjae hovilie. [16]tsy mahamaro aze ty volamena i Ofira, mbamign'i bery la sarobily na safira. [17]Ty volamena
naho ty vato Krystaly le tsy azo ampitovie amity lanjane; naho tsy afake atakalo amity ravake ty volamena malio
zaay.[18]Tsy ho rehafe kea ty lanja ty haran-driake na ty jaspy; eka mare, ty vily ty hamarea le mihoatse naho ty
ruby. [19]Ty habeign'i Etiopia le tsy mitovy amine; na ty tena volamena aza tsy afake sandaegne amizay.[20]Ka bakaia
are, ro hiavia ty hamarea? [21]Aia ty toera ty fahitian-tsay? ty hamarea le mihaja amity maso ty zaka-managnay
iaby naho ahaja iereo voro ty lagnitse. [22]Ty harava naho fifateza le mirehake ty hoe: `Korake avao ty reign'ity
sofignay ty amizay'.[23]Zangahare mahay ty lala mbaeo; haine ty toeragn'izay. [24]Satria re magnete zisikagne amity
faram-bazan-tane naho mahisake ty ambane lagnitse iaby. [25]Na nao ty here ty tioke re naho nanao ty rano arake
ty metane.[26]Nanao lily hoahy ty ora re naho lala hoahy ty helatse ty kotrokora. [27]Le nahisake ty hamarea re naho
nagnambara zay; nametra zay re , eka mare, nandineke zay re. [28]Hoe re tamity ndaty ty hoe: `Ingo, ty fatahora i
tompo - izay ty hamarea; ty fiala amity raty ro fahitian-tsay "'.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 29

[1]Nanohy nirehake ty joba naho nanao ty hoe: [2]"Eh, laha mba manahake ty tamireigne vola lasa tamity
nikarakan'Agnahare ahy ahy reigne kea raho, [3]tamy mboe namirapiratse tandohako eo ty jirone, naho kea
namakivaky ty ieke tamity hazavane raho.[4]Eh, laha mba manahake ty tamity andro ty fatoeko tamity firagneta
Nagnahare tantragnoko reigne kea raho; [5]tamy mboe niharo tamiko ty tsitoha, naho mboe nagnodidy ahy reo
anako, [6]tamy voatako ronono ty lalako, naho ty vatolampy nagnily rian-diloilo ho ahy![7]Laha niakatse ty vavahady
ty tana raho, laha nitoboke tamity toerako tankianja ty tana raho, [8]le nahisake ahy naho nijano lavitse ahy tamin-
pagnaja ty ajalahy, naho ty ndaty antetse nitsanga le nijoro ho ahy.[9]Nijano tsy nirehake ty roandrian-dahy laha fa
avy tao; nanako ty fitavane tamity tagnane iereo. [10]Tsy rey ty feo iereo ndaty manan-kaja, naho nipiteke tamity
lagnilagnine ty lela gniereo.[11]Te laha fa baka naharey ahy ty sofine, le nitso-drano ahy iereo; laha fa baka
nahisake ahy ty masone, le nitsanga vavolombelo ho ahy naho nanenke ahy iereo [12]satria nagnavotse ty ndaty ze
nijale raho laha fa nitaray re, naho ty ndaty ze bode rae iaby tsy nana ndre ia ia hagnampe aze re. [13]Ty tso-
dranognize fa ho mate le niavy tamiko; nahavy ty arofogniereo mpivenbata hiantsa fifalea raho.[14]Misiky
fahamaregna raho, naho nampisiky ahy zay; ty hamarea le manahake ty akanjo lava naho satroke. [15]Maso
ahiereo ndaty goa raho; tomboke ho ahy iereo ndaty kitsa raho. [16]Rae ho ahy iereo ndaty sahira raho; nandineke
ty aly raho na le ty ahy gnondaty ndre tsy haitso aza.[17]Namoteke ty valagnora ty ndaty tsy mare raho;
nagnombotse ty niazom-boy bakeo amity nifene raho. [18]Le hoe raho tihoe: 'Homate ao amity akaneko raho;
hampitombo ty akondro manahake ty debon-paseke raho. [19]Mienatse amity rano ty tahoko, naho ty mika nitoetse
tamity tsorako ty haleke iaby.[20]Ty hasy amiko ao le vaovao zisikefarane, naho ty folese ty hozako le vaovao
zisikefarane antagnako eo! [21]Nindranjy ahy ty ndaty; nandy ahy iereo; nitsy mba hijanjy ty heveko iereo. [22]Laha fa
vita ty volako, le tsy nivola sasy iereo; nitsororoke manahake ty rano tamy iereo eo ty volako.[23]Nandy ahy
zisikagne manahake ty niambe ora iereo; nampisagnasagna ty vavane iereo mba hino ty volako, manahake ze
hanoe iereo amity fara n'ora. [24]Nihehe tamy iereo raho lahafa tsy nanompo izay iereo; tsy mba nandietse ty
fahazava ty tareheko iereo.[25]Nifily ty lala gniereo raho vaho nitoboke ho bevatane; niay nanahake ty mpanjaka
omba ty miaramilane raho, manahake ty ndaty ze mampahere reo mpandala.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 30

[1]Amizao reo ze tanora naho iraho le tsy mana ndra ino ndra ino laha tsy fagnaratia ho ahy-le reo ajiahy ze tsy
nengako hiasa agnila ty amboa ty biby fihareko eo ty rae gniereo. [2]Eka vatane, ty here ty tagna reo roane, manao
akore ro nahafaha izay nanampe ahy-reo lahilahy ze foa ty here ty tao ty fivagnona gniereo? [3]Nahia naho ty
fahantra naho ty hakere iereo; nihina tamity tane maike agnate ieke ty tane efetse naho rava iereo.[4]Nanday
tsimon-ketae mafaitse naho raven-boaroy iereo; ty taho ty anjavidy ro hane gniereo. [5]Rinoake tsy ho eo amity
ndaty ze nagnakora iereo manahake ty fagnakora ty ndaty raike mpangalatse iereo. [6]Kea tsy maintsy nitoboke
tagne an-doham-driake iereo, tan-davake ty tane naho ty vatobey.[7]Nagneno manahake ty ampondra iereo; vaho
tambane reo voaroy ro niaraha gniereo nivory. [8]Anake gege iereo, eka vatane, ana gnondaty tsy manan-kasy
iereo! Rinoake hiala tamity tane tamity karavantsy iereo.[9]Fa amizao, nizare antsa fagnaratia ho ahy reo anane
raho; eka vatane, nizare fihehea hoe iereo raho te amizao. [10]Malay ahy naho mitsanga lavitse ahy iereo; vaho tsy
mijano ty mandora ty tareheko. [11]Fa Zagnahare namaha ty taly tamity kiditseko naho nampijale ahy, iereo ze
magnaraty ahy le nanorake ty fanesehane tagnoloa ty tareheko.[12]Amity tagna an-kavanako eo ro hitsangana ty
androvolahy; mandroake ahy iereo vaho manao dongon-tane hanao kalan-drano ahy. [13]Rava gniereo ty lalako;
atose gniereo ho amiko eo ty loza, le reo lahilahy ze tsy misy ndra ino ndra ino hitanjake iereo.[14]Avy handietse
ahy manahake ty tafike bakamity lavake bevata raike amity manda ty tana eo iereo; agnivoa ty faharava ro
ikenda iereo ahy. [15]Mitolike amiko ty fampitahora; nitiofe manahake ty enten-drivotse ty hasiko; rava manahake
ty raho ty fagnabinako.[16]Amizao le miboake bakao agnate ty fiako; androm-pijalea maro ro nintajake ahy.
[17]Voatsobake ty taolako agnateko ato amity hale; tsy mijano reo fanaintaigna ze mahazo ahy.[18]Nangalake ty sikiko
ty here Nagnahare bevata; magnodidy ahy manahake ty vozo ty akanjoko zay. [19]Nanorake ahy tagnate fotake re;
nizare manahake ty lemboke naho laveno raho.[20]Mitoreo aminao raho, Zagnahare, fa tsy mamale ahy riha;
mitsanga raho, fa magnete ahy avao riha. [21]Niova riha vaho nizare lozabevata tamiko; amity here ty tagnanao ro
agnidignanao ahy.[22]Magnambone ahy amity tioke eo riha ka mampinday aze ahy; mampiriorio ahy agnate talion-
tioke riha. [23]Fa haiko fa hinday ahy ho amity havilasy riha, zaka-mana gnay iaby.[24]Na izay aza, feie vao tsy misy
ndra ia ndra ia manonjotse ty tagnane hangatake famonjea lahafa tonta re? Feie vao tsy misy ndaty mana
porobolemo ka mikaike vonje? [25]Tsy nitagny ho ahy ze tra-pijalea vao raho? Vaho tsy nalahelo ty ndaty osa vao
raho? [26]Lahafa nila ty soa raho, le ty raty ro avy; lahafa niambe ty hazava raho, le ty ieke ndraike ro avy.[27]Osa ty
foko vaho tsy mana-pijanogna; niavy tamiko reo andro ty fijalea. [28]Fa nandehandeha manahake ty ndaty ze
nitoboke tagnate ieke ao raho, fa tsy naho ty masoandro; mitsanga amity fiangona ao raho vaho mikorake vonje.
[29]Rahalahy reo amboali raho, ragne reo ostritsa.[30]Mainte ty holiko sady miendake amiko; may ty hafana ty
taolako. [31]Naho izay le mifagnarake amity antsa fandala ty lokangako, vaho ty sodiko ho ahy ty antsa reo ze
mitagny.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 31

[1]Fa nanao fagnekea tamity masoko raho; kea hataoko akore ty hanete ombam-pagniria ty virijine? [2]Fa ino ro
anjara bakamy Nagnahare ambone, iaze lova bakamy iaze tsivany agne amity abo vatane?3Nandineke avao raho
fa ty loza le ho ahy ty ndaty tsy mare, vaho ty fijalea ro ho ahy ty mpanao raty. [4]Feie tsy hisa Nagnahare vao ty
lalako vaho isafene ty liako iaby?[5]Laha nandeha tamity vande raho, laha nandeha malaky ho amity fitake ty
tomboko, [6]le ao raho ho lanjae amity balantsy mba hahaia Nagnahare ty fahitiako.[7]Laha niala tamity lala mare ty
liako, laha nandeha nagnorike ty masoko ty foko, laha nisy zaka nandoto ty tagnako, [8]le ao raho hambole vaho ao
hihina ty hafa; eka vatane ao ho lanie amity hane ty vokatse.[9]Laha voafitake ty ampela ty foko, laha niroro
tamim-piambena tan-dala ty mpirae belo tamiko ty valine raho, [10]le ao ty valiko handisam-bare ho ahy ty lahilahy
hafa, vaho ao reo hafa hiondreke amine eo.[11]Te ho heloke vavabey raty zay; eka vatane, ho hadisoa vavabey ho
faize ty mpitsara zay. [12]Tefa izay le afo ze mandrava ty zaka iaby ho ahy ty fiagna tsy hisake naho vokako iaby.
[13]Laha tsy nirarahararaha ty fangataha rarene bakamity mpanompoko lahy na vave raho lahafa nialy hevetse
tamiko iereo, [14]le ino are ro hanoeko lahafa mitsanga hanara ahy Zagnahare? Lahafa ho avy hitsara ahy re, le ino
ty havaleko aze? [15]Feie iaze raike ze nanao ahy tam-kibo igne va tsy nanao iereo kea? Feie vao tsy raike avao ro
nagnaboatse anay iaby tam-kibo ao?[16]Laha nanaka ty ndaty tsy mana tamity fagniria gniereo raho, [17]na laha
nanapaha ty maso ty mpinday vata tamity fitagnia, na laha nihina ty ilan-kaneko avao raho tsy nagnega reo ze
bode hihina izay kea-[18]satria nihabevata niarake tamiko manahake ty niarake tamity rae zisikamity nahakolo ty
kolo bode, vaho nitarike ty renene raho, ze mpinday vata, baka an-kibon-dreneko ao.[19]Laha nahisake ndaty fa ho
mate naho ty tsy fanagna siky raho, na laha nahisake mahantra tsy nana siky; [20]laha tsy nisaotse ahy ty fone naho
ire tsy nafana tamity volon'agnodriko, [21]laha nanondrotse ty vatako handietse ty ndaty bode raho tefa nahisake ty
fanohanako tam-bavahady ty tana eo le minday fanara ahy![22]Laha nanao reo zaka reo raho, le ao ty sororko
hotonta hiala amity taolam-tsoroko, vaho ao ty vatako ho tampake amity tonon-taolane. [23]Tefa natahotse ty
fahapoteha bakamy Nagnahare raho; naho ty hasy, le tsy afake nanao reo zaka reo raho.[24]Laha nanao ty
volamena ho fagnatenako raho, le laha nivola tamity volamena soa raho tihoe: 'Iriha ro atokisako'; [25]laha nifale
naho ty habevata ty hanagnako raho, satria nahazo hanagna maro ty vatako, le minday fanara ahy![26]Laha
nahisake ty masoandro raho lahafa namirapiratse zay, na ty vola mandehadeha amity famirapiratane, [27]vaho
laha voatarike ankaloke ty foko, kay le nagnoroke ty tagnako mba hidera iereo ty sogniko-[28]le ho hadisoa bevata
ho faize gniereo mpitsara avao kea zay, tefa nilietse iaze Zagnahare ze ambone ao oy raho.[29]Laha nifale tamity
fahapoteha ze nalay ahy raho na nanalama tegna lahafa voa ty loza re, le minday fanara ahy! [30]Eka vatane, tsy
nengako handiso kea ty vavako tamity fabgataha ty fiay tamity ozo.[31]Laha tsy mboe nivola mihintsy reo ndaty ao
amity laeko tihoe: 'Ia ro afake mahisake iaze tsy vintsy ty hane ndre Jobay?' [32](na ty vahiny aza le tsy voatere
nijano tan-kianja ty tana eo, tefa nanokatse ty lalako ho ahy ty mandeha avao raho), vaho laha tsy izay, le minday
fanara ahy![33]Laha, naminy reo hadisoako tamity faminia ty hadisoako tagnate ty siky lavako, manahake ty
olombelo raho, tefa nampitahotse ahy ty tsy firararahia ty longo, kay le nitsy raho vaho tsy nindeha tagne
ivelane), le minday fanara ahy![35]Nefa, laha mba nisy ndaty ninjajy ahy moa! Ingo, intoy ty soniako; ao hamale ahy
iaze Tsitohay! Laha mba nana ty fanarane ze nisorate ty mpandietse ahy moa raho! [36]Hinday izay an-tsoroko eo
vatane raho, hanovako manahake ty satro-kasy zay. [37]Hitalily amine ty isa ty liako raho; manahake ty
roandriandahy matoky ro hiakarako amine agne.[38]Laha mitoreo mandietse ahy ty taneko, vaho mirae tagny ty
baingane, [39]laha nihina ty vokane nefa tsy nandoa izay raho na nahavy reo tompone hamoe ty fiay gniereo, [40]le ao
reo raketa ro hitiry fa tsy vare vaho tsimparefare fa tsy vare ordea." Tampetse ty tsara Joba.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 32

[1]Le nijano tsy namale andre Joba sasyreo telo lahy reo satria mare tamasone eo avao re. [2]Vaho le nirehetse ty helo
ndre Eliho anake lahy Barakela iaze Bozitay, bakamity longo re Rama; nirehetse tamy Joba zay satria nanamare
ty vatane re laha tokone ho Zagnahare.[3]Nirehetse amy iereo telo lahy ragnene avao kea ty helo ndr'Eliho tefa tsy
nahisake tsara havale andre Joba iereo, vaho mboe nihelofa gniereo avao ty Joba. [4]Vaho Eliho le niambe ty hivola
tamy Joba tefa reo lahilahy hafa reo le bevata naho ire. [5]Kanefa, lahafa hisa Eliho fa tsy nisy tsara havale andre
Joba tambava gniereo telo lahy reo, le nirehetse ty siakene.[6]Vaho Eliho anake lahy ndre Barakela iaze Bozitay
nivola mafe kea nanao tihoe: "Tanora raho, vaho inareo le fa tena antetse. Ka izay antone nisalasalako ka tsy
nahasakiako nivola taminareo ty heveko manoka. [7]Hoe raho tihoe: "Ty halava ty andro ro tokone hivola; ty tao
maro ro tokone hagnanatse fahendrea.[8]Kanefa misy fagnahy amity ndaty ao ; ty fofognay iaze Tsitohay ro
magnomey aze fahazavan-tsay. [9]Tsy ze ndaty bevata avao ro hendre, na reo ndaty nahazo tao avao ro
mahatakatse ty rarene. [10]Naho izayle hoe raho taminareo tihoe: 'Njanjigno raho; hataliliko aminareo avao kea ty
fahaizako.'[11]Ingo, niambe ty tsaranareo raho; ninjajy ty fandresean-dahagnareo raho laha nandineke ze ho
volagne aminareo. [12]Ninjajy soa anareo vatane raho, kanefa, ingo, tsy nisy na le raike taminareo aza afake
nandrese lahatse andre Joba na afake namale reo volane.[13]Ambeno mba tsy hivola tihoe: 'Fa nahisake fahendrea
zahay!' Zagnahare le tsy maintsy handrese andre Joba; laha ndaty tsotra tsy afake ty hanao izay. [14]Tefa i Joba tsy
nivola mivanta tamiko, le tsy hamale aze amity volagnareo raho.[15]Tsy naha vola reo telo lahy reo; tsy nahavale
andre Joba sasy iereo; tsy mana vola ho volagne sasy iereo. [16]Tokone hiambe vao raho satria tsy mivola iereo,
satria mitsanga eo iereo ka mitsy vaho tsy mamale sasy?[17]Oho, hamale amity anjarako kea raho; ho volagneko
iereo avao kea ty fahaiako. [18]Tefa mana vola maro ho volagne raho; ty fagnahy ze agnateko ato ro manere ahy.
[19]Ingo, manahake ty divae milo ze tsisy hiboaha ty tratrako; manahake ty basiny holitse vaovao, ze fa hikojiatse.
[20]Vaho hivola raho mba hahavelombelo gnay ahy; hanokatse ty sogniko raho vaho hamale. [21]Tsy haneho fialogna
raho; vaho tsy hagnomey fikaiha mihaja na amin'ia na amin'ia. [22]Satria tsy haiko ty magnome fikaiha manahake
izay; laha nanao izay raho, le hangalake ahy tsy ho ela ty Mpihare ahy.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 33

[1]Kea amizao, Joda, mangatake anao raho, minjajigna ty lahabolako; njanjigno ty volako iaby. [2]Ingo te amizao, fa
manokatse ty vavako raho; fa mivola tam-bavako ao ty lelako. [3]Bakamity fahitia ty foko ty volako; mitalily fahaiza
malio ty sogniko.[4]Ty fagnahy Nagnahare ro nanao ahy; ty fofognay iaze Tsitohay ro nagnomey haveloma ahy.
[5]Laha azognao atao, valeo raho; alaharo agnoloako eto ty tsaranao ka mitsangana.[6]Ingo, manahake anao avao
raho amaso Nagnahare eo; namboare bakamity tanemanga avao kea raho. [7]Ingo, tsy hampitahotse anao ty
horohoroko; na havesatre anao ty tindriko.[8]Nivola tan-tsofiko eo vatane riha; reko ty feo ty volagnao nanao tihoe:
[9]'Malio raho vaho tsy misy hadisoa; tsy manan-tsiny raho, vaho tsy misy hadisoa ty amiko ato.[10]Ingo, mahisake
hirike hameleza ahy Zagnahare; rambesene hanahake ty fahavalone raho. [11]Hatobone amity boloko ketae ty
tomboko; dinehene iaby ty lalako.' [12]Ingo,amizao ro mahadiso anao-hamale anao raho, satria bevata naho ty
ndaty Zagnahare.[13]Nanao akore riha ro mialy amine? Tsy magnisa ndra ino ndra ino amy ze anoene re. [14]Fa
nivola indraike Zagnahare-egne, ingo, na le tsy tsapa ty ndaty aza zay. [15]Agnate nofy ao, agnate fahisaha ao amity
hale, lahafa avy amity ndaty ty roro laleke, lahafa agnate faharobaha am-pandrea eo-[16]le mamoha ty sofy ty ndaty
ty Zagnahare, vaho mampatahotse iereo amity tahotse, [17]mba hitarita ty ndaty hiala amity tanjone feno hadisoa,
naho hagnalavira ty firengerengea amine. [18]Zagnahare ro miaro ty ay ty ndaty amity lavake, ty ay tsy hitsake ho
agne amity havilasy.[19]Faize amity fanaitagna am-pandreane eo avao ty ndaty, miarake amity fangirifiria tsy miato
amity taolane ao, [20]mba halay hane ty aine, vaho halay hampikipe ty fagnahine.[21]Rava ty nofo ty mba tsy ho
hisake; ty taolane, ze tsy hisake taloha, le midrakidraky te henane. [22]Eka vatane, magnariketse lavake ty
fagnahine, vaho ty aine marikitse reo ze magniry ty hamoteke izay.[23]Feie laha misy anjele raike afake ty ho
mpagnelagnela ho aze, le mpagnelagnela raike, bakamireo anjele agnalena, mba haneho aze ze mete hatao,
[24]vaho laha maleme fagnahy amine iaze anjele kea mivola amy Nagnahare tihoe: "Vonjeo mba tsy hizotso
andavake agne ty ndaty toy; fa nahisake vilim-pagnavota ho aze raho,'[25]vaho le hizare vaovao naho ty ahy ty kolo
ty nofone, le hihere amity andro tamity here ty hatanorane re. [26]Hivavake amy Nagnahare re, vaho haleme
fagnahy amine ty Zagnahare, mba hahisahane ty tarehe Nagnahare amity fifalea. Hamea Nagnahare any iaze
ndaty ty fandresea.[27]Le hiantsa agnoloa ty ndaty hafa eo ze ndaty zay kea hanao tihoe: "Nandiso raho ka namalike
ze mare, feie tsy nifaize ty hadisoako. [28]Namonje ty fagnahiko tsy hizotso an-davake agne ty Zagnahare; hahisake
fahazava zisikagne ty fiagnako.'[29]Ingo, manao reo zaka reo amity ndaty raike ty Zagnahare, indroe, eka, intelo
aza, [30]mba hinday ty fagnahine hihere baka andavake agne, mba ho hazavae amity fahazava gnay re.
[31]Mitandrema, Joba, vaho minjanjigna ahy; mianjina le hivola raho. [32]Laha misy hatalily riha, le valeo raho;
mivolagna, fa magniry ty hagnaporofo raho fa mare riha. [33]Laha tsy izay, le njigno raho; mianjina, le hanareko
fahendrea riha."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 34

[1]Tovo izay, le mboe nivola ty Eliho tihoe: [2]"Njigno ty volako, lahilahy hendre; njajigno raho, inareo ze mana
fahaia. [3]Fa ty sofy le maharey ty tsara manahake ty hatsapa ty lela ty tsirin-kane.[4]Ao tika hifily rarene ho antika:
ao tika sambe hahisake ty soa amintika eo. [5]Fa i Joba nivola tihoe: 'Mare raho, fa nala Nagnahare ty zoko. [6]Ndra
ino ndra ino zoko, le rambese ho mapanvande raho. Tsy hae sitragne ty fereko, na le tsy nandiso aza raho.'[7]Fa
lahilahy ino ty Joba, ze mino ty fagnamavoa manahake ty rano, [8]ze mandeha etia naho eroa miarake amy reo
mpanao raty, vaho mirae lala amity ndaty raty fagnahy? [9]Fa fa nivola re tihoe: 'Tsy hahazoa ty ndaty tombone ty
mifale amity fanaova ze tea Nagnahare.'[10]Ka njigno raho, lahilahy mana fahazavan-tsay: sagnatsia amy
Nagnahare ty handiso. [11]Satria mamale ty asa ndaty re; ataone tole amity valesoa ty lala nijobone ty ndaty iaby.
[12]Eka vatane, tsy mba manao raty ty Zagnahare, na hamalike ty rarene zisikagne ty Tsitoha.[13]Ia ro
nampiandrakete aze ty tane? Ia ro nanpipoke ty tane raike iaby tambanene eo? [14]Laha ire avao ro hifantoha ty
vatane, vaho laha magnere mamory ty fagnahine naho ty fofognaine amine avao re, [15]le hiarake ho lo iaby ty nofo
iaby; vaho hihere ho lemboke ndraike ty olombelo.Laha mana fahazavan-tsae riha amizao, le njigno zao: njigno
ty feo ty tsarako. [17]Afake ty hinday vao ty ndaty raike ze malay ty rarene? Hasiahanao vao ty Zagnahare, ze mare
naho mafe?[18]Zagnahare, ze mivola amy Mpanjaka tihoe: 'Mamparikoriko riha,' na kea mivola amy reo manan-
kasy tihoe: 'raty fagnahy nareo? [19]Zagnahare, ze tsy mifily amy reo mpinday vaho tsy magnisy dikane mpagnarivo
reo mihoatse reo tsy mana, satria asa ty tagnane iaby iereo. [20]Agnate ty andro bory iereo le ho mate; amity
vakimira hale le ho voahonzongozo ty ndaty vaho ho mate; halae avao kea ty ndaty mafe, feie tsy amity tagna
gnondaty.[21]Fa ty maso Nagnahare le amity lala ty ndaty eo; hisane iaby lala anoene reo. [22]Tsy misy ieke, na iem-
pito hivinia reo mpanao ty tsy rarene. [23]Fa tsy mila mandineke ty ndaty sasy ty Zagnahare; tsy misy antone
handehana ty ho tsarae agnoloane eo.[24]Potepotehe ajiahy mafe reo naho ty lala gniereo ze tsy ila fagnotanea sasy;
hatobone amity pilasine iaby ty hafa. [25]Vaho zay ro hahaiane ty asa gniereo; amity hale ro handrobahane ndaty
reo; lany iereo.[26]Amaso ty hafa eo, vonoene manahake ty mpangalatse iereo naho ty asa raty vitane [27]satria
nivalike tsy nagnorike aze iereo vaho tsy nimete nagneke ndra raike aza tamity lalane. [28]Tamy zay, le nanoe
gniereo avy tamity tagny tsy mana reo; vaho regne ty tagny reo ndaty nampijalia.[29]Lahafa nitsy re, ia ty afake
hasiake aza? Laha havonine ty tarehene, ia ty hahisake aze? Mitovy ty fandiliane ty firene naho ty kiraidraike,
[30]mba tsy ho afake handily ty ndaty mpagnaraty, mba tsy hisy ndre raike aza hamitake ty ndaty.[31]Laha atao tihoe
misy ndaty raike mivola amy Nagnahare tihoe: 'Diso vatane raho, fa tsy handiso sasy; [32]agnaro ahy ty zaka tsy
mete hisako; nandiso raho, fa tsy hagnere izay sasy.' [33]Le mandineke vao riha fa ho faize Nagnahare naho ty
hadisoa ze ndaty zay, satria tsy teanao ty anoe Nagnahare? Ao riha ro hitingy, fa tsy iraho. Ka volagno ze hainao.
[34]Ty ndaty mana hilala le hivola amiko tihoe-mare vatane, ze ajiahy hendre iaby mahare ahy le hivola tihoe:
[35]'Mivola tsy aman-dineke ty Joba; tsy misy fahendrea ty tsarane.'[36]Laha mba nitsarae tamity tokone ho ie vatane
tamity zaka nahazo aze moa ty Joba naho ty fivolane manahake ty ndaty raty fagnahy. [37]Fa ampeane fivoria ty
hadisoane; mite-tagna ampagnaratiaratia agnivoan-tika eo re; mamory vola handiera a Nagnahare re."

## Chapter 35

1Ho tovo gnizay ty Eliho le mboe nanohy, nivola tihoeke: 2"Mandineke vao rihao fa mare zay lahafa mivola riha
tihoeke: 'Ty maha ndaty ahy agnoloa Nagnahare eo?' 3Satria riha nagnontane tihoeke:" Ino ty asa izay amiko?"
naho tihoeke:'Ho soa vatane vao raho laha mandiso?'4Hamale anao raho. iriha naho reo ragnenao. 5Henteo ty
lagnitse, le henteo zay; henteo ty lagnitse, ze abo naho iriha.6Laha nadiso riha, le ino ty raty nanoenao a
Nagnahare? Laha mivory loatse ty fandikan-dilinao, le ino ty anoenao amine? 7Laha mare riha, le ino ty afake
hameanao aze? Ino ty ho rambesene bakamity tagnanao? 8Ty haratianao le mete hamere ndaty raike, amity maha
ndaty anao, vaho ty fahitaianao le mete hahasoa ty ana ty ndaty hafa.9Naho ty asa fampijalea maro, le mitoreo ty
ndaty; mila vonje bakeo an-bata gnireo ndaty mafe iereo. 10Fa tsy misy ndra ia ndra ia mivola tihoeke: 'Aia ty
Zagnahare iaze Mpamelo ahy, ze magnomey antsa amity hale, 11ze magnanatse vatane antika naho ty
hagnanarane reo biby ly ty tane, vaho ze manao antika ho hendre naho reo voro ty lagnitse?'12Agne iereo ro
mitoreo, fa Zaganahare tsy magnomey valene iereo naho ty firengerengea ty ndaty raty. 13Tsy hahare ty fitagnia -
gege vatane ty Zagnahare; tsy hidare izay iaze Tsitohay. 14Ataoanao manao akore ty hakele ty hamaleane anao
laha mivola riha fa tsy mahisake aze, fa ty alinao le agnilane eo, vaho miambe aze riha!15Ataonao manao akore ty
hakele ty hamaleane anao laha mivola riha fa tsy magnafay ndra ia ndra ia aman-tsiake vatane re, vaho tsy
midare loatse ty avognavo ty ndaty re. 16Kea nanokake ty vavane mba hivola hagegea avao ty Joba; namory tsara
tsy ampadineha re."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 36

[1]Nanohy avao Eliho vaho nivola tihoe: [2]"Magnega ahy hivola lavalava kea, le haneho zaka anao raho satria mboe
misy kele ho volagneko ho fiaro an'Agnahare. [3]Hahazo ty fahaiako bake lavitse raho; hiaike raho fa ty fahitia le
ahy ty Mpahary ahy.[4]Fa mare vatane, tsy ho diso volako reo; ndaty vagno amity fahaia ao ro aminao eto. [5]Ingo,
Zagnahare le mafe, vaho tsy magnaratiraty ndre ia ndre ia; mafe amity here ty fahaia re.[6]Tsy miaro ty ay ty ndaty
raty fagnahy re fa kea manao ze mare ho ahy reo ze mijale. [7]Tsy magnafake ty masone amy reo ndaty mare re fa
kea magnega iereo zisikagne amy reo seza fiankina manahake ty mpanjaka, ka misondrotre iereo.[8]Laha voafehe
tamity ravake vaho voafitake tamity taly ty fampijalea iereo, [9]le ataliline amy gniereo ze nanoene, naho ty
hadisoa gniereo vaho ty firengerenge gniereo.[10]Manokake ty sofy gniereo ho amity fagnanarane avao kea re, vaho
mandily iereo mba hiala amity hadisoa. [11]Laha minjajy aze naho miasa ho aze iereo, le handany ty andro gniero
amity fagnambina, naho ty tao gniereo amity hafalea. [12]Na izay aza, laha tsy minjajy iereo, le ho vonoe amity
meso; ho mate iereo satria tsy manan-pahaia.[13]Mamory ty sia reo ze mpagnaratiraty ampiay; tsy mikaike vonje
iereo na le mamehe iereo aza ty Zagnahare. [14]Mate amity hakoloane iereo; tampetse amy reo mpivarotegna eo
amity fivavaha ty andro gniereo.[15]Zagnahare mamonje reo ndaty nampijale amity alala ty fijalea gniero;
manokake ty sofy gniereo amity alala ty fampijalea gniereo re. [16]Eka vatane, te hagnafake anao amity fijalea ho
agne amity pilasy malalake ze tsy misy zaka tsarotse naho ze amea hane feno vondrake amity latabanao re.[17]Nefa
riha le feno fitsara ty ndaty raty fagnahy; nitanjake anao ty fitsara naho ty rarene. [18]Ko enga hitanjake anao ho
amity fagnaratia ty siakenao, na hampivily anao ty habevata ty vilim-pagnavota.[19]Afake magnomey tombone
anao vao ty hanagna, mba tsy ho agnate ty fijalea ao riha, sa afake magnampe anao vao ty here ty hamafenao
iaby? [20]Ko magniry ty hale, mba handisoa handiera hafa reo, lahafa afaha amity pilasine gniereo eo ty ndaty.
[21]Miambena mba tsy hihere handisoa riha satria fa natao tamity fampijalea riha mba hagnalavira ty hadisoa.
[22]Ingo, misondrotse amity herene ty Zagnahare; ia ro magnanatse manahake aze? [23]ZIa ro fa nagnanatse aze ty
amity lalane? Ia ro mba afake hivola aze tihoe: 'Fa nanao ty tsy mare riha?' [24]Tadidio ty midoka asane reo, ze
nantsa ty ndaty.[25]Fa nagnete reo asa reo ty ndaty iaby, nefa bakegne lavitse avao ro ahisahane asa reo. [26]Ingo,
bevata ty Zagnahre, nefa tsy azontikla soa re; tsy hay isafe ty isa ty taone[27]Fa fa magnafake rano nintente reo ze
natsikane ho ora bakamity setrone re, [28]ze arotsa ty raho naho atondrane bey amity ndaty. [29]Eka vatane, misy
ndaty mahatakatse ty habevata ty fieleza ty raho naho ty hotroke bakao amity tragnone vao?[30]Ingo,
magnaparitake ty helane magnodidy aze re vaho mandrakoke reo fagnambanea ty riake. [31]Amy ze fomba zay ro
hitsarane ndaty reo naho hagnomezane hane maro.[32]Mameno helatse ty tagnane re zisike mpandiliane izay mba
hamango ty mary izay. [33]Ty hotro gnizay le mampiambe ty amity talion-tioke, ty biby fihare avao kea le afake
miroro fa tamy izay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 37

[1]Eka vatane, mangitikitike amizay ty foko; miala amity fitobohane. [2]Njigno, eh gea, njigno ty fitabataba ty feone,
ty feo ze miboake bakamity vavane. [3]Mandefa izay ambane lagnitse egne iaby re, vaho mandefa ty hela
pahazavane zisikagne amity sisin-tane.[4]Misy feo mitrero afara gnizay; mikotrokotroke amity feo ty hasine re; tsy
manaka ty hela pahaia hagnelatse re lahafa rey ty feone. [5]Mahavere ty fikotrokotro ty feo Nagnahare; manao
zaka bevata ze tsy takantika re. [6]Fa tihoeke re amity havandra: "Mipoha amity tane egne", manahake izay kea ty
ora: 'Mizarea rano n'ora mibatrabatra bevata.'[7]Mampijano ty tagna ty lahilahy kiraidraike amity asane re, mba
hahafaha ty ndaty iaby ze namboarene hahisake asane reo. [8]Le militse amity fiviniane ao kea bibily reo kea
magnitsake ty ambalane ao. [9]Ty talio avy bakagne amity efene bakantimo agne, vaho ty nintsy bakamity
fiparitaha ty tioke bak'avaratse agne.[10]Amity alala ty fofognay Nagnahare ro mampisy ty ranomandre.
Mimbolonga manahake ty vy ty rano bevata mivelatse. [11]Magnavesatse ty raho mateve amity hamandoa vatane
re; magnele ty hela pahazavane amity raho re.[12]Magnodikody ty raho amity fitaritane re, mba hahafaha gniereo
manao ze andiliane iereo ambone ty velara gnizao iaby zao eo. [13]Asehone ze iaby zay; misy le miseho zay ho
fagnarena, misyho ahy ty tanene, vaho misy kea ho ahy ty asa ty fagnekea matoky.[14]Njigno zao, Joba; mijanogna
vaho dineho ty mikasike asa reo mahavare Nagnahare. [15]Hainao vao ty fanerea Nagnahare amity teane amity
raho naho fanovane ty hela pahazava hagnelatse amy reo ao?[16]Takanao vao ty fitsingevaheva ty raho, asa
mahavere Nagnahare reo, ze vagno amity fahaia? [17]Takanao vao ty mahavy sikinao reo hafana lahafa mijano ty
tane tefa bakantimo agne ty tioke?[18]Iriha vao afake mamelatse lagnitse manahake ty nanoene-le ty lagnitse, ze
mafe manahake ty fitaratse manganohano vita amity vy simba? [19]Mba anaro anay vaho ze tokone ho volagnenay
amine, fa zahay tsy mahay mandaha-bola naho ty faie ty fisaignanay. [20]Tokone ho volagne ze teako ho volagne
amine vao re? Misy ndaty magniry ty hambonja vao?[21]Te amizao, tsy afake magnete ty masoandro lahafa
manjirike amity lagnitse egne vao ty ndaty afara ty fandriogna ty tioke ka naha hafahafa ty rahone.
[22]Bak'avaratse agne ro hiavia ty famirapirata ty volamena-hasy mampatahotse ro amy Nagnahare eo.[23]Laha ty
amy iaze Tsitohay, tsy afake mahisake aze tika! Ire le bevata amity fandilia; tsy mampijale ty rarene re vaho bey
fahitia. [24]Naho izay, matahotse aze ty ndaty. Tsy magnete reo ze mandinen-tegna ho tsy magnahy kea re."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 38

1Bakeo le nikaike andre Joba bakao amity talio mafe vatane ty Yaveh ka nanao tihoeke: 2"Ia ty minday ieke amy
fagniria reo amity alala ty tsara tsy misy fahaia toy? 3Sikino manahake ty lahilahy ty valahanao fa hagnotane
anao raho, vaho tsy maintsy mamale ahy riha.4Taia riha tamy zaho nagnore ty foto ty taney? Volagno amiko, laha
tena mana fahaia vatane riha. 5Ia ty nagnametatse ty metane? Volagno amiko, laha hainao. Ia ty nagnenja ty taly
fagnamentara tamine eo?6Tamity ino ty nasia ty fotone? Ia ty nagnisy vato efene reo 7lahafa nirake nihira ty vasia
ty maraindray vaho nagnorake hafalea ana Nagnahare iaby reo?8Ia ty nandily ty riake tamity lala lahafa vaky
zay, laha niboake manahake ty baka antsoke ao zay-9lahafa nanao reo raho ho sikine raho, vaho iem-pito ho
rakone?10Izay le tamity nagnoritako ty pilasy amity sisin-driake, naho tamity nagnisiako ty hily naho ty lalane,
11vaho tamity nivolagnako tamine tihoeke: 'Mete ho avy zisikeo riha, feie tsy hihoatse lavitse; eto ty hagnisiako ty
farane amity fiboaha ty onjagnao.'12Lia ze nanomboha ty andrognao, fa nagnomey lily ty marae mitsirikandro
vao riha, vaho nahavy ty mitsirikandro hahay ty pilasine amity filaha ty zaka iaby eo, 13mba hintanjahane reo
zoro ty tane ka hihozongozo hiala amine eo ty ndaty raty fagnahy?14Niova manahake ty fiova ty tanemanga
ambane ty pentan-tondro eo ty pozy ty tane; ty zaka iaby amine eo le miavaka mazava soa manahake ty fifore ty
lamba. 15Bakamireo ndaty raty fagnahy ro nagnafaha ty hazava gniereo; ty fiay misondro gniereo le tinampake.
16Fa nandeha tagne amity loharanon-driake vao rihao? Fa nandeha amity laleke ambane agne vatane vao rihao?
Fa naseho taminao vao vavahady ty fate reo? Fa nahisake vavahady ty talinjo ty fate reo vao rihao? 18Fa
dininenao vao ty fivelara ty tane? Volagno amiko, laha hainao iaby zay.19Aia ty lala mbagne amity pilasy fijanogna
ty hazava-manahake izay ty ieke, aia ty misy ae? 20Afake mitarike ty hazava naho ty ieke amy reo ampiasa gniereo
agne vao rihao? Hisagnao vao ty lala mihere mba tragno gniereo mbeo? 21Hainao tsy aman-tahotse vao zay, satria
fa terake tamy izay riha; lava le lava vatane ty isa ty andrognao!22Fa nilitse tamity tragno fagnajaria ty
ranomandre ao vao riha, na fa nahisake ty tragno fagnajaria ty havandra vao riha, 23reo zaka ze nihajarieko ho
amy reo andro mpijalea, ho amy reo andro ty aly? 24Aia ty lala hagnelara ty varatse na miparitake mbaia ambone
ty tane eto tioke bakantignana agne reo?25Ia ty nihaly lalan-drano reo ho ahy ty fiavia gnora, ndre ia ro nagnoritse
ty lala ty fipoaha ty varatse, 26mba hanova ty zaka ila otane maike naho efetse reo, ka hampitimoke ty ahem-
maintso?28Mana ndroae va rie orao? Ia ty niterake ty zavo? 29Tso gnia ty niavia ty zavo? Ia ty nisamake ty zavo
bak' andagnitsagny? 30Mivony ty rano vaho mizare manahake ty amity vato; mizare mivongambonga ty
fagnambonene ty laleke.31Afake manere reo ravake amy reo Ikotokelimiadilaona vao riha? na mamaha ty taly
Telonohorefy? 32Afake mitarike vasia reo mba hiseho amity andro tokone ho ie va rie rihao? Afake mitarike ty
Bera miarake amy anane reo va rie rihao? 33Mahay ty lily ty lagnitse va rie rihao? Afake magnisy lily ty lagnitse
ambone ty tane va rie rihao?34Afake magnakan-peo zisikagne amity raho va rie rihao, mba handrakofa ty rano ty
oram-bey anao? 35Afake mandefa helatse va rie riha mba hahafaha gniereo miboake, mba hivolagna gniereo
tihoe: 'Intoa zahay?"36Ia ty nagnisy fahendrea tamity raho tegne na nagnomey fahaia tamity zavo? 37Ia ty afake
magnisake ty raho amity fahaiane? Ia ty afake manondrake ty fitobohan-drano ty lagnitse 38lahafa miharo ho
motake bevata ty lemboke vaho mipiteke vongan-tane reo?39Afake mitsepake hetae ho ahy ty liona vave vao rihao
na magnomey fahafaham-po ty hakere liona mboe kele reo 40lahafa mandia amity fitobohane ao naho
magnotreke amity korohotse iereo?41Ia ty magnomey hetae ho ahy reo goaika lahafa mitoreo amy Nagnahare
naho miviombio naho ty tsy fahampen-kane anane reo?


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 39

[1]Hainao vao tihoe amity andro ino ty iteraha ty ose nala ty anane amity vatobey egne? Mba dininenao vao lahafa
miterake ty anane ty diera vave? [2]Dininenao vao reo vola hindaisa gniereo vesatse? Hainao vao ty andro
hiterahane anane reo?[3]Miondreke iereo ka miterake ty anane, vaho le tampetse ty fanaitagna ty fiterahane.
[4]Mihamafe naho mitombo amity baibo bevata egne anane reo; mandeha iereo vaho tsy mihere sasy.[5]Ia ty
magnega malalake ty birike nala handeha? Ia ty namaha ty fehe ty amponga nala, [6]ze fa nagnamboarako fitoboha
a Araba agne, ty tragnone amity tanen-tsira agne?[7]Mihehe am-pagnaratiratia ty tabataba an-tana ao re; tsy
maharey ty kora mpandroake reo re. [8]Miriorio an-bohy fihinam-bilone egne re; agne re ro mila ty ahe maintso
iaby hohane.[9]Ho fale hanompo anao vao ty agnombe nala? Hagneke ty hijano amity fihinana namboare vao re?
[10]Mahatanjake ty agnombe nala amity taly mba hamalihane ty joko va riha? Hangoro ty baibo ho anao va re?
[11]Hatoky aze vao rihao satria bevata ty herene? Hagnenga ty asanao mba hanoene vao rihao? [12]Hianky amine
mba hinday ty varenao amity famoloanao vao riha?[13]Ty ela ty ostritsa le mikopakopake ampirengerengea, nefa
misy fiteava vao ty elane naho ty volone? [14]Satria magnega atoline reo egne amity tane re, vaho engane hafana
amity lemboke ao reo; [15]halignone fa mete hisy tomboke hagnapoteke na mete hisy biby nala handialia aze reo.
[16]Mampijale anane reo re manahake hoe tsy anane reo; tsy matahotse re na le mete hiala maike aza ty ilane,
[17]satria Zagnahare nagnafake tamine ty tsy fagnahy vaho tsy nagnomey aze fahaia. [18]Lahafa milay mafe re, le
iheheane ampagnaratiratia ty sovaly naho ty mpitikitse aze.[19]Feie vao nameanao ty herene ty sovaly? Naniky ty
vozone tamity volone mihofahofa vao riha? [20]Fa nampisoty aze manahake ty valala vao riha? Mampatahotse ty
hamafe ty fiefoefone.[21]Mirenge amity herene re vaho fale amity hamafene; miboake malaky hanalaka ty fiasa
mpialia re. [22]Magnaraty ty tahotse re vaho tsy mba matahotse; tsy mihemotse amity meso re. [23]Mifioke agnilane eo
ty anan-tsipike, miarake amity lefo mamirapiratse vaho ty lefom-bory.[24]Mitele tane amity siake naho heloke re;
amity fagneno ty anjomara, tsy tafajano amity pilasy raike re. Ndre ombia ndre ombia ty hagnenoa ty anjomara,
le hoe re tihoe:'Oho!' [25]Magnimbolo ty aly baka andagnitsagne re-le ty kotaba mafe ty mpandily vaho ty
korakorake.[26]Bakamity tsy fagnahinao vao ty mampitily ty hitikitike, ka hamelarane ty elane ho antimo agne?
[27]Amity komandinao vao ty hiakara ty voromahere naho hagnamboarene ty tragnone amity pilasy abo?
[28]Mitoboke amity harambato eo re vaho magnamboatse ty akane amity lengo ty harambato eo, ze fiaro mafe.
[29]Bakegne ro hitaliane ty filane; mahisake ireo bakegne lavitse egne ty masone. [30]Mino lio avao kea ty anane; ze
pilasy misy fate gnondaty, le egne re."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 40

[1]Vaho Yaveh nanohy nivola tamy Joba: hoe re tihoe: [2]"Tokone hagnadra hagnamare ty Tsitoha vao ty ndaty
manam-pagniria hitsikera? Ire ze mifandahatse amy Nagnahare, le ao re hamale."[3]Le namale ani Yaveh ty Joba
kea nivola tihoe: [4]"Ingo, tsy misy dikane raho; hanao akore ty hamaleako anao? Apetako amity vavako ty tagnako.
[5]Nivola indraike avao raho, vaho tsy hamale le tsy hamale sasy; eka, indroe, fa tsy hanohy mihoatse an'izay
raho."[6]Le namale ani Joba tamity talio masiake ty Yaveh ka nitsara tihoe: [7]"Ampisikino manahake ty lahilahy ty
valahanao, fa hagnotane aminao raho, le tsy maintsy mamale ahy riha.[8]Feie hivola vatane vao riha fa tsy mare
raho? Handiso ahy vao riha mba hivolagnanao tihoeke mare riha? [9]Manan-bata manahake an'Agnahare vao riha?
Mahay mampikotrokotro-peo manahake aze vao riha?[10]Sikino hasy naho tsy fagnahy ty vatagnao; mipozia haja
naho habevata. [11]Agnelezo amity magnodidy ty fihoara ty siakenao; henteo iaby reo mirengerenge vaho ambaneo
re.[12]Henteo iaby reo ze mirehareha vaho ambaneo re; liao ambane eo amy ze itsangana gniereo ty ndaty raty
fagnahy. [13]Alevegno hiarake amity tane eo iereo iaby; gadrao amy iaze pilasy mivony agne ty tarehe gniereo. [14]Le
hagneke ty mikasike anao kea raho fa ty tagnanao an-kavana avao le afake mamonje anao.[15]Henteo vaho ty
behemota, ze nanoeko manahake ty nanovako anao avao; mihina akata manahake ty agnombe rre. [16]Ingo, amity
valahane eo ty herene; amy reo hozane eo ty tso ty tanjane.[17]Manao ty rambone manahake ty sedera re; ty oza ty
fene iaby le miharo. [18]Ty taolane le manahake ty fantso varahy; ty tombone le manahake ty bara vy.[19]Ire ro bevata
amity zaka namboare Nagnahare. Zagnahare raike avao, ze nanao aze, ro afake mandrese aze. [20]Fa reo haboa
magnomey hane aze ; reo biby nala egne anbaibo le mihisa marikitseo. [21]Mitoboke ambane ty voahira, agnate
lakan-drano ao re.[22]Reo voahira le mandrakoke aze amity alone; reo hetae malahelo ty baibon-driake le
magnodidy aze iaby. [23]Ingo, laha feno ty moro ty renerano, tsy hatahotse re; matoky re, na le hameno zisikegne
ambone ty orone aza ty Jordana. [24]Feie vao misy mahasambotse aze amity farango vao, na mahapikira ty orone
amity fitake?

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 41

1Afake misinto Leviatana amity vinta vao rihao? Na mamehe valagnorane reo amity taly? Afake magnisy taly
amity orone eo vao rihao, na mipiqira ty valagnorane amity fitanjaha? 3Hangatake zisikagne aminao vao re?
Hanao vola maleme aminao vao re?4Hanao fagnekea aminao vao re, fa tokone halaenao ho mpanompo zisikagne
re? 5Hihisa miarake amine manahake ty hiarahanao amity voro vao riha? Hamehe aze ho ahy ty mpanomponao
vave vao riha? 6Hialy varotse ty amine vao vondro ty mpikara fia reo? Hifanjara gniereo mba havily amy
mpivarotse reo vao re?7Mahavita mitomboke ty holine amity fiasa mpikara vao riha na ty lohane amity lelan-
bita? 8Apetaho aminao eo indraike avao ty tagnanao, vaho ho tsaroenao ty aly vaho tsy hanao izay sasy riha.
9Ingo, ty fagnatena ty ndaty ze manao izay le vande; feie vao tsy hisy ndaty hitonta amity tane naho ty fahisaha
aze avao?10Tsy misy ndaty feno siake ka sahy hihantsy Leviatana; kea, ia are ty afake mitsanga agnoloako eo? 11Ia
ty nagnomey zaka ahy voalohane mba hagnavahako aze? Ze iaby ambane ty lagnitse iaby le ahy. 12Tsy hitsy raho
mikasike ty tombo ty Leviatana, na kea ty zaka mikasike ty herene, na mikasike ty hasoa ty bikane.13Ia ty afake
magnafake sikine sikinane reo? Ia ty afake militse ty fiarovane misosoke? 14Ia ty afake manokake lala ty tarehene
reo-voahodidy nifene reo, ze mampatahotse? 15Ty lambosine le vita amy reo ampinga mitampe, mifanere
manahake ty fihily ty petan-tondro.16Ty raike le tena mifankariketse amity raike hafa kale tsy misy tioke afake
militse agnivoa gniereo eo. 17Mifandrae iereo; mifanditeke, izay le mba tsy hahafaha gniereo hisarake. 18Ty hazava
mitaratse bakamity fitrerone; ty masone le manahake reo holin-maso ty magneno akoho.19Vaho jiro mirehetse ro
miboake ty vavane, miparitake ty poten'afo. 20Ty vavorene le miboake setroke manahake ty zaka mangotrake
agnate velagne ao ambone afo eo ze kinopake soa ho may. 21Ty fofo gnaine le mampirehetse ty vaen'afo hizare
afo; afo ro miboake bakao amity vavane.22Amity vozone ao ty here; vaho ty horohoro le mandihy agnoloane eo.
23Miharo ty fivalogna nofone reo; mafe ore amine eo reo; tsy afake ahetseke reo. 24Ty fone le mafe manahake ty
vato-eka vatane-mafe manahake ty fikoseham-bare.25Lahafa manondrotse ty vatane re, na reo Zagnahare aza ho
vagno tahotse; naho ty tahotse, le mihemotse iereo. 26Laha mamango aze ty meso raike, le tsy misy dikane zay-na
ty lefo, kiditse, na fiasan-pialia maragnitse hafa. 27Mandineke re fa manahake ty lila ty vy, vaho manahake ty
hetae lo ty varahy.28Ty kiditse le tsy afake mampilay aze; nizare akotsy amine reo vato ty antsamotady. 29Ataone
manahake ty lila langilangy reo; mihehe amity firaondraogne amity fagnily i lefoy re. 30Ty tampane ambane le
manahake vakin-belagne maragnitse reo; magnega lian-tomboke amity fotake eo re manahake ty liam-by
fikoseham-bare.31Ataone manahake ty rano mandeve agnate velagne ty laleke; ataone manahake ty velagne ty
hosotre magnitse ty riake. 32Magnazava ze nombane re; misy mandineke fa foty volo ty laleke.33An-tane etoy le tsy
misy mitovy amine, ze niforogne mba hiay tsisy tahotse. 34Mahisake ty zaka iaby ze mirengerenge re; ire ro
mpanjaka ambone gnireo ana ty firengerengea iaby."

Chapter 42

1 Le namale ani Yaveh ty Joba ka nivola tihoe: 2 "Haiko fa hainao atao ty zaka iaby, fa tsy hae sakana ty tanjognao.
3 'Ia ze maminy vetsevetse tsy aman-pahaia zao?' Eka vatane, nitalily zaka ze tsy takako raho, zaka saro-takare
loatse ho ahy, ze tsy mba haiko. 4 Hoe riha tamiko tihoe: 'Minjajigna, te henane, vaho hivola raho; hagnotane zaka
aminao raho, vaho hivola amiko riha.' 5 Naharey ty mikasike anao tamity sionsion-drehake raho, fa amizao le
mahisake anao ty masoko. 6 Kea magnamavo ty vatako raho; mifogne amity lemboke naho lavenoke raho." 7 Vaho
lahafa nivola reo vola reo tamy Joba re, le hoe Yaveh tamy Elifaza iaze Temanitay tihoe: "Mirehetse aminao naho
amy reo ragnenao roe ty siako, fa tsy nivola ty mare mikasike ahy nareo, manahake ty nanoe Joba mpanompoko.
8 Amizao are, mangala agnombe lahy fito naho agnondry lahy fito ho ahy ty vatagnareo, le mandehana amy Joba
mpanompoko agne, ka magnomeza raketse oroa ho ahy ty vatagnareo. Hivavake ho anareo ty Joba mpanompoko,
le hagneke ty vavane raho, mba tsy hamaleako anareo amity hagegeanareo. Tsy nivola ze mare mikasike ahy,
manahake ty nanoe ndre Joba mpanompoko nareo." 9 Kea le nandeha vaho nanao ze nandilia gn'Yaveh gniero ty
Elifaza iaze Temanitay, re Bildada iaze Sohitay, vaho re Zofara iaze Namatitay, vaho Yaveh nagneke andre Joba.
10 Lahafa nivavake ho ahy reo ragnene ty Joba, le nahere Nagnahre tamity nataone taolha ty hanagnane. Namea
gn'Yaveh indroe ty nanagnane taloha eo re. 11 Le nandeha tamine agne rahalahy Joba iaby reo, anabavene iaby
reo, vaho ndaty haine taloha reo iaby-vaho nihina niarake tamine tan-tragnone ao. Nirae hasahiragna tamine
iereo vaho nagnono aze ty amy reo loza iaby ze nalefa gn'Yaveh tamine. Sambe nagnomey volafoty madineke
naho peratse volamena andre Joba iaby ty ndaty iaby. 12 Nitahy ty andro farane niaigna Joba mihoatse naho ty
tamity voalohane Yaveh; nana agnodry efatse arivo naho rae ale re, rameva enegn'arivo, agnombe agn'arivone,
vaho boriky vave arivo. 13 Nanagnanake lahy fito naho anak'ampela telo avao kea re. 14 Kinaine tihoe Jemima iaze
vinantoney, Keiza iaze faharoe, vaho ty fahatelo le Kerena-hapoka. 15 Tsy nisy ampela hisake soa mihoatse ani reo
anak'ampela Joba tamity tane iaby. Nagnomey lova hoe iereo miarak'amy anadahine reo ty roa gniereo. 16 Tafara
gnizay, le niay 140tao ty Joba; nahisake anane reo naho zafene reo re, zisikamity zafe afe efatse nifamdimbe.
17 Bakeo le mate ty Joba, laha antetse naho vintsy andro.

# Psalms

Chapter 1

1 Vototse ty ndaty ze tsy magnarake ty ntorovehe reo rate fagnahy, na mitsanga amy ty lala miarake amy reo
mpanao rate, na mitoboke eo amy reo mpagnaboka. 2 Te ao amy Yaveh ro teane, vaho amy ty lalàne re ro
mandinike andro naho haleke. 3 Ho manahake ty hetae nambole tamy ty riake ty rano ze mamokatse reo voane
amy ty fizaram-ppotoane, ze tsy malazo ravine reke, ze iaby hataone le ho tahie. 4 Reo rate fagnahy le tsy zane, te
kea manahake ty lila andesy ty tioke. 5 Le tsy hitsanga ho ao amy ty fisara rate reo fagnahy, na reo mpanao rate ho
ao amy ty fikambana reo marene. 6 Te re Yaveh le magnina ty lala reo marene, te ty lala reo rate fagnahy kea le ho
rava.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Nanao akore ty firenena ro ao agnate koronta, vaho nanao akore ty ndaty ro manao dineke-rate tys tafavoake?
[2]Miarake mitsanga reo mpanjaka ty tane vaho miarake milietse manohitse ahy Yaveh naho ty Mesiane reo
mpanapake, manao tihoe: [3]"Lonike itika hanapatapake reo ravake vy ze apone eto amintika vaho hanorake reo
ravagn'iareo."[4]Reke ze mitoboke agne an-dagnitse hihomehy aiereo; hagnamboka aiereo ty tompo. [5]Bak'eo le
hitsara amy iareo amy ty helone re vaho hampihorororo aiereo amy ty helone, manao tihoe:[6]Raho vatako ro
manendre ty mpanjakako ao Ziona, vohitso mase." [7]hagnambara lalàgne Yaveh raike raho. Nanao tihoe reke
tamiko. " Anako riha! Amy toy andro toy le ho lasa babanao Raho."[8]Hangataho Raho, le homeiko anao ho lovanao
reo firenena vaho ho fanagnanao reo faritse loatse ty tane. [9]Hovakienao amy ty fitogno vy, manahake ty vatavo
reo, hamotipotike reo riha."[10]Kea amy henanezao, ry mpanjaka mitaoa; mahity; ry mpanapake ty tane. [11]Miantsà
ahy Yaveh amin-tahotse vaho mifalea amy ty fangitigitiha.[12]Orofo ty anake sao ho meloke aminao reke, le ho mate
amy ty lala ty firehata ty helone agnate ty fotoa fohike riha. vototse reo iaby mipay fitsoloha ao Amine.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Salamo natao ndre Davida, lafa nitsoake andre Absaloma anane reke. Ry Yaveh, firy reo fahavaloko! Maro ro
nitsanga nanohitse ahike. [2]Maro ro mitalily mikasike ahike tihoe: " Tsy misy fagnampea ho aze bak'agne amy
Andragnahare. Sela[3]Te Riha, ry Yaveh, le fiarova magnodidy ahike, hasiko, vaho iaze ze manondrotse ty lohako.
[4]Manondrotse ty feoko amy Yaveh raho, vaho mamale ahike bak'gne amy havoane mase Reke. Sela[5]Nandre raho
vaho natore; nifoha raho, satria re Yaveh miaro ahike. [6]Tsy hatahotse ndaty maro ze mampanohitse ty vata iareo
amiko amy ty zohy iaby raho.[7]Mitsangàna, ry Yaveh! Vonjeo raho, ry Andragnahareko! Te hamofoke reo fahavalo
iaby amy ty fify Iriha: hamake ty nify reo rate fagnahy Riha. [8]Bak'amy Yaveh ty Famonjea. Ho amy ty ndatinao
vatane reo fatahianao. Sela


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4Ho ahy iaze mpagnonja antsa; amy ty lokanga. salamo natao ndre Davida.

1Vale raho lafa mikaike, ty Andragnahare ty fahamarignako; omeo tragno raho lafa mpoke agnifitse. Mamindra
arofo amiko vaho tsanogno ty fivavako.2Nareo ndaty, zisikim-bia nareo ro hagnova ty hasiko ho fahasalara?
Zisikim-bia nareo ro hitea ze rate naho hagnorike ty vande? Sela. 3Feie haizo te Yaveh le manoka ze arake ahy
Andragnahare ho Aze. Hahare Yaveh lafa mikaike Aze raho.4Mititiha amy tahotse, te ko manao rate! Dineho ao
agn'arofonareo eo am-pandreanareo vaho lonike hitsy. Sela 5Omeo reo soro ty fahamarigna vaho apoho reo amy
Yaveh ty fatokianao6Lahiale reo mirehake tihoe: "ia ro haneho zaka soa amintika? Yaveh, asondroto aminay ty
fahazava ty vatagnao. 7Nomeinao hafalea bey mihoatse ty ahy ty ahfa ty arofoko lafa maro ty vare naho ty divay
vaovao. 8Am-piadagna ro handreako naho haotoriako, satria Iriha arere, Yaveh, ro mahaavy ahike hitoetse tsy
mana fisalasala.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5Ho iaze mpagnonja antsa; miarake amy reo zaka-magneno tiofe. salamo natao ndre Davida.

[1]Tsanogno ty kaiko Aminao, Yaveh; dineho reo fitaraignako. [2]Tsanogno ty feo ty antsoko, Mpanjakako naho
Andragnahareko, te Aminao raho ro mivavake. [3]Yaveh, mahaheno ty taraiko Iriha amy ty maraindray; manday ty
fingoloko Aminao raho amy ty maraindray vaho mandigny magnantegna.[4]Aandragnahare tsy magnina ty raty
vantae Iriha; tsy ho bahinina reo ndaty raty. [5]Ty mpiagnavognavo le tsy hitsanga eo amy ty fagnatrehanao;
hejenao reo zay mana fitondran-tegna rate. [6]Hamotike reo mpavande Iriha; Yaveh le manao tsy misy dikane ty
herezaka naho reo ndaty mpamitake.[7]Te laha ty amiko, naho ty hakehibey ty fagnekenao azo atoke, le ho avy ao
agn'ajombanao Raho; amy ty fiasia ro hiandolehako magnoloa ty tempolinao masy. [8]Tompoko, tariho amy ty
fahamarignanao raho noho reo fahavaloko; ataovo mahity magnoloa ahike ty lalanao.[9]Te tsy misy fahamarigna
eo amy ty vava iareo; rate ty ao ampo iareo, valavato mivoha ty tenda iareo; malemy iareo amy ty firehakine.
[10]Antalilio ho meloke iareo ty dinikine! Aboaho amy reo fandikan-dalàgnane maro iareo, satria nilietse nanohitse
Anao.[11]Te lonike hifale reo iaby zay mitsoloke Aminao; lonike reo hikoike am-pifalea satria aiereo Iriha; lonike
hifale ao Aminao iareo, le reo zay tea ty tahinagnao. [12]Te hitahy ty to Iriha, Yaveh, hiodidy aiereo amy ty fitea
manahake ty amy ty fiarova Iriha.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6Ho ahy ty mpagnonja antsa; amy ty lokanga, nato tamy ty fomba ty Al-shasheminith. Salamo natao ndre Davida.

[1]Yaveh, Ka masiake ahike amy ty helonao na madilo ahike amy ty faharomontanao. [2]Mamindrà arofo amiko,
Yaveh, te tarere raho; sitrano raho, Yaveh, te mangitikitike reo taolako.[3]Vatane tarere avao kea ty fagnahiko. feie
Riha, Yaveh__zisikim-bia ro hitohiza zane? [4]Mimpolia, Yaveh! Vonjeo raho. vonjeo noho ty famonjeanao azo
antoke raho! [5]Te tsy misy fahatiarova Anao agne amy ty fahafatesa. Ia ro hisaotse Anao agne amy ty fiaigna tsy
hisake?[6]Rareke ty foiaiko raho. Litsike ty ranomaso ty fandreako sake hale; manasa ty fandreako amy ty
ranomasako raho. [7]Lane ty alahelo ty masoko; avy tsy mana-kere iareo noho reo fahavaloko iaby.[8]Mialà amiko,
nareo mpanao rate iabe; te Yaveh fa naheno ty feo ty fitomagniako. [9]Te naheno ty kaiko ho ahy ty famindrampo
Yaveh; Fa nandrambe ty vavako Yaveh. [10]Ho megnatse naho hikoronta vatane ty fahavaloko iaby. Hitolike iareo ka
ho tahie tampoke.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 7Mozike niforogne ndre Davida, zay natsaine ho ahy Yaveh mikasike reo tsara ndre Kosa iaze Benjamita.

[1]Yaveh Andragnahareko, mialoke ao Aminao raho! Afaho amy reo zay magnanjeke ahike raho, vaho sarombaho.
[2]Laha tsy zane, hoviravira rao manahake ty lione raho, tatahine tsy misy ndaty afake manday fiarova ho ahike.
[3]Yaveh Andragnahareko, tsy mboe nanao zay nitalily reo fahavaloko ho nataoko avao raho; tsy misy tsy
fahamarigna eo amy ty tagnako. [4]tsy mboe nanao rate tamy ia na ia soa filongoa tamiko raho, na nagnisy rate zay
nanohitse ahike amy ty tsy misy antone.[5]Laha tsy mitalily ty to raho le lonike ty fahavaloko hagnenjeke ty fiaiko
vaho hisambotse zane; lonike re hagnitsake ty vatako mboe velo amy ty leboke. Sela[6]Mitsangà, Yaveh, amy ty
siakinao; mitsangàna magnoloa ty siaky reo fahavaloko; mifohaza hagnampy ahike naho hamita ty adidy marene
zay fa nandilianao ho aiereo. [7]Mivoria magnodidy anao reo firenena; alao ndarike ty toerana marene eo amy
iareo.[8]Yaveh, tsarao reo firenena; hamarigno raho, Yaveh, satria marene naho tay mana-tsikone raho, ambo
loatse. [9]Lonike hijano ty asa raty ty raty fagnahy. te apoho reo ndaty marene, Andragnahare marene, zay
mandinike ty arofo naho ty eretseretse.[10]Bak'amy ty Andragnahare ty fiarako, iaze toka zay mamonje ty mahity
agn'arofo. [11]Mpitsara marene Andragnahare, le iaze Andragnahare masiake san'andro.[12]Laha tsy mifona ty ndaty
raike handragnitse ty mesone Andragnahare vaho hanoma ty kiditsine ho amy ty aly. [13]Magnoma ty fampiasa reo
fitaovam-pialia hanohera aze re; ataone milelalela reo bala-kiditsine voakolokolo[14]Dineho ty mikasike zay
bevohoka ty faharatia, zay manao tetike handrava, zay miterake vande hampidi-doza. [15]mandavake fatsaka re
vaho magnalalake zane vaho latsake ao amy ty lavake zay nanoene re. [16]Mimpolia ao andohane avao reo safiry
hanomba, satria ty herizakane le mandeha ao an-dohane avao.[17]Hisaotse ahy Yaveh noho ty fahamarignane raho;
hiantsa fiantsa ho ahy Yaveh Ambone Loantse raho.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 8Ho ahy ty mpagnonja antsa, natao tamy ty fomba Al-hagitith. Salamo natao ndred Davida.

[1]Yaveh Andragnaharenay, hehike ty hasoa ty agnaranao eo amy ty tane iaby, Iriha ze maneho ty hsenao eka amy ty lagnitse ambone. [2]Bak'amy ty vava ty ajajakele naho ty aja ro fa namoronangnao fiantsa noho ty amy reo fahavalonao, soa hampitsy ty fahavalo naho ty mpamale fate.[3]Laha miandrandra ty lagnitsinao raho, ze natao ty rabon-tagnanao, ty vola naho reo vasia, ze naponao tamy ty toerane, [4]Ino moa ty ndaty ro ahatiarova aze, na ty ondaty ro hidareanap aiereo? [5]Feie namboarenao ambane kele noho ty zaka-mana fiay egne agne an-dagnitse iareo vaho nampisatrohinao hasy naho haja.[6]Ataonao mpanapake eo amy reo asa-tagnanao reke; nataonao eo ambane tombone ty raraha iaby: [7]ty aondre miarake amy tyaose naho aombe, vaho ze biby iaby ao amy ty baibo, [8]reo voro egne amy ty habakabake, naho reo fia agne an-driake, ty raraha iaby ze mandalo eo amy ty lalan-driake.[9]Yaveh Tomponay, hehike ty hasoa ty tahinagnao eo amy ty tane iaby!


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 9Ho ahy ty mpagnonja antsa, natao tamy ty fomba ty Almoth-laben. Salamo natao ndre Davida.

[1]Hagnomey fisaora ahy YAveh amy ty arofoko iaby raho; Hitilily ty asa mahavere nataonao raho;. [2]Hifale naho
hiravo ao aminao raho; hiantsa fiantsa ho ahy ty agnaranao raho, ty abo Loatse![3]Lafa mimpoly ty fahavaloko, le
ho lavo naho ho mate magnoaloa Anao iareo. [4]Te fa niaro ty hitine Iriha; mitoboke eo amy ty seza fiankinanai
Iriha, ty mpizaka marene![5]Fa nitsara mafy reo firenena Iriha; fa nandrava reo rate fagnahy Iriha. Fa nifinafanao
zisikam-parane agne ty agnara iareo. [6]Nikoromake manahake ty faharava reo fahavalo laha nandrava ty tanà
iareo Iriha. Rombake ty fahatiarova aiereo iaby.[7]Te mitoetse zisikam-parane Yaveh, napipoke ty seza fiankinane
ho amy ty fahitia Re. [8]Hizaka ty tane amy ty fahamarigna Reke, vaho hampijano fitsara ho ahy ty firenena amy ty
hitine Reke.[9]Ho fiarova mafe ho ahy reo nampijale avao kea Reke, ho fiarova mafe amy ty fotoan-tsarotse. [10]Reo ze
mahay ty agnaranao le matoky Anao, te Iriha, ty Yaveh, tsy magnega reo ze mipay Anao.[11]Miantsà fiantsa ho ahy
Yaveh, ze manapake ao Ziona; atalilio amy reo firenena ze nataone. [12]Te Andragnahare ze mamale ty fapipohan-
dio le mahatiaro; tsy magnadigno ty fitaraigna reo mijale Reke.[13]Mamindra arofo amiko, Yaveh; vambao ty
fampijalea reo ze malay ahike, Iriha ze afake nisinto ahike eo ambavahady ty fahafatesa. [14]Hehike, te hitalily ty
fiantsa Anao iaby raho Eo ambavahade ty anak'ampela ndre Ziona ro hifaleako amy ty famonjea![15]Nilentike tao
amy ty lavake ze natao iareo reo firenena; tratsy tao amy ty harato navony iareo ty tombone. [16]Nampahafantatse
ty vatagne re Yaveh; nampihatra fitsara Reke; voafandrike tamy ty nataone avao reo rate fagnahy.
Sela[17]Niabohoane ty rate fagnahy vaho nalefa tagne amy ty fiaignan-tsy hisake, ty anjara ty firenena iaby ze
magnaliko ahy ty Andragnahare. [18]Te reo tsy mana le tsy ho aligno zane, ty fagnantegna ty mijale kea le tsy ho
rombake zisikam-parane.[19]Mitsangàna, Yaveh, ko apoke handrese Anao ty ndaty; lonike reo firenena ho tsaray eo
amy ty fanjonao. [20]Ampitahoro iareo, Yaveh; lonike ho hay ty firenena iaby te ndaty avao iareo. Sela

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Nanao akore, Yaveh, ro mijano egne lavitsy egne Iriha? Nanao akore ro mamone ty vatanao amy ty fotoan-
tsarotse Iriha? [2]Noho ty avognavo iareo, ty mijale le henjehy tyrate fagnahy; feie lonike rangnadria ty rate
fagnahy ho voafandrike ty eretsere iareo zay nisafiry iareo avao. [3]Te reo ndaty rate fagnahy le mirengerenge ty
amy reo fagniriane lalike; mitahy reo tea ndrala re vaho mandraterate ahy Yaveh.[4]Nanonmdrotse ty vatane ty
raty fagnahy; tsy nipay ahy ty Andragnahare re. Tsy mieritseritse ty mikasike ahy ty Andragnahare sase re satria
tsy mindary ty mikasike aze sase. [5]Voaaro amy ty fotoa iaby re, feie ty lilinao marene le ambo laotse ho aze; mitro
amy reo fahavalone iaby re.[6]Mitsara ao agn'arofone re tihoe: "Tsy ho alvo zisikam-parane raho; hatramy ty
taranako le iaby tsy hahisake fijaleako." [7]Feno ozo naho fitake, tsara mampidi-doza ty vavane; mandratse
mamotike ty lelane.[8]Miamby am-pivoania teo agnila reo tanà re. Agne amy reo toera mivone ro hamonoane ty tsy
manan-tsikone; mipay reo niharam-boigne tsy afa-manoatse ty fanjone. [9]Mifine ao amy ty mangiky manahake ty
liona ao ampo tokonala re; mahavoasambotse ty mijale re lafa misinto ty haratone. [10]Reo zay tratsine le
nitorotoroy vaho nifofohine; nilatsake tao ampo ty haratone lehibey iareo.[11]Mitsara ao am-pone re tihoe: "fa
nagnaligno Andragnahare; nandrakotse ty vatane Re, tsy hisahira hivamba sase re." [12]Mitsangàna, Yaveh!
Asandroto ty tagnanao, Andragnahare o! Ko magnaligno ty mijaly.[13]Nanao akore ro mandà ahy ty Andragnahare
ty ndaty rate fagnahy vaho mirehake ao agn'arofone tihoe: "Tsy hitajake ahike ho tompon'andraikitse vao iriha"?
[14]Fa narambe filaza iriha ty fijalia naho alahelo. Mianky aminao reo tsy afake-manoatse mpamonje ty bode Iriha.
[15]Tapahon ty sandry reo rate fagnahy naho ndaty raty, Ataovo tompon'antoke amy reo rate nataone re, zay
niheverine te tsy ho hisanao. [16]Mpanjaka zisikam-parane doria Yaveh; niroasy teo amy ty tanine reo firenena.
[17]Yaveh, fa nahaheno ty fitaraigna reo mijaly Iriha, mampahere ty arofo iareo Iriha, mitsano ty vavagn'iareo
Iriha; [18]miaro ty bode naho ty mijaly Iriha le tsy hisy ndaty ambony ty tane hampihorohoro ndarike.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 100Salamo fagnomezam-pisaora.

[1]Miantsa am-pifalea ahy Yaveh, Yaveh, tane iaby. [2]Miasa ahy Yaveh amim-piravoravoa; Mandena eo agnatrehane
amy ty fiantsa fiantsa.[3]Haizo te re Yaveh ro Andragnahare; nanao antike Reke, vaho Aze itika. vahoagne no ondre
ty fihinan'ankatane.[4]Miziliha amy reo vavahadine amy ty fagnomeza fisaora vaho ao an-kianjane amy ty antsa.
Magnomeza fisaora Aze vaho antsao ty agnarane. [5]Te soa Yaveh; maharitse zisikam-parane ty
famindragn'arofone vaho magnera reo taranake iaby ty fahamarignane.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 101

1 Salamo natao ndre Davida. Hiantsa ty fagnina azo antoke naho fahamarignanao raho; ho Anao ry Yaveh, Hiantsa
fiantsa raho. 2 Handaha amy ty lala-marene raho. hahake, ombia ro ho avy eto amiko Iriha? Andeha amy ty fahitia
ao an-jombako raho. 3 Tsy hagnisy fahadisoa agnoloa ty masoko raho; malaigna ty rate tsy soa raho; vaho tsy
hipitike amiko zane. 4 Hagnega ahike ty mpamalike; tsy ho tea ty rate raho. 5 ho torotoroako ze iaby maneresere
mangike ty ragnine. tsy handefitse ty ndaty ze mana fihetsike miregerege raho. 6 Hivamba ty ndatye azo antoke eo
amy ty tane raho soa hitoboke eo agnilako. Ze mandeha amy ty lala-marene ro mahazo miasa ahike. 7 Tsy hitoetse
ao an-jombako ty ndaty mpamitake; tsy ho avy eo agnoloa ty masako ty mpavande. 8 Sake-maray ro
hanorotoroako ty rate fagnahe iaby amy ty tane; halako bak'ao amy tanà Yaveh ty mpanao rate iaby.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 102Ty fivavake ty mijale lafa mokotse reke vaho mandrarake ty fitoreone magnoloa ahy Yaveh.

[1]Njanjigno ty fivavako, Yaveh; njanjigno ty taroeko Aminao. [2]Ka avone amiko amy ty andro fijaleako ty vatanao,
Njanjigno raho. Laha mikaike Anao raho, le valeo malake ragnandria.[3]mandalo manahake ty setroke ty androko
vaho mangnoro manahake ty afo ty taolako. [4]Torotoro ty arofoko, vaho manahake ty ankata malazo raho.
Alignoko ty mitava hane.[5]Noho ty foaiko sake hariva, le niova ho boroka mare raho. [6]Manahake ty sama agne
amy ty tane tsy misy na ino na ino raho; niova ho manahake ty vorondolo agne an-tanà ntaolo.[7]Tsy mahisake tore
manahake ty voro mandeha arere raho; arere ao abone tragno. [8]Mirehake rate ahike reo fahavaloko san'andro
lava zao; reo mpandrate ahike mampiasa ty agnarako ho fagnozogna.[9]Mitava lavenoke manahake ty mofo raho
vaho mampiharo ty zaka finomey amy ty ranomaso. [10]Noho ty sikia ty helonao, ro nanondrotanao ahike soa
handrava ahike.[11]Manahake ty aloke malazo ty androko; vaho nalazo manahake ty ankata raho. [12]feie Iruha ,
Yaveh, le velo zisikam-parane, vaho ho ahy reo taranake iaby ty lazanao.[13]Hitsanga Iriha ka hmindra arofo amy
ndre Zione. Zao ro fotoa hamindra arofo amine; avy ty fotoa voatondro. [14] Te reo misanao le mitanjake reo vato
malalane vaho malahelo ty lemboke ty faharavane. [15]Hiase ty agnaranao reo firenena, Yaveh, vaho hanondrotse
ty hasenao ty mpanjaka ty tane iaby. [16]Hagnamboatse ahy Ziona ndraike Yaveh ka hiseho ao amy ty hasene.[17]Amy
zane fotoa zane, le hamale ty fivavake ty tsy mana reke; tsy hagnina ty vavagn'iareo Reke. [18]Hosorate ho ahy reo
taranake ho ave zane, vaho ty ndaty tsy mboe terake le hiantsa ahy Yaveh.[19]Te fa niondreke nivamba bak'agne
amy ty ambone mase Reke an-dagnitse Yaveh ro mivamba ty tane, [20]soa hahare ty foay reo gadra, soa hamototse
reo ze voaheloke ho mate.[21]Le hagnambara ty agnara Yaveh agne Ziona naho agne Jerosalema ty ndaty [22]lafa
miarake mivaore soa hanompo ahy Yaveh reo vahoake naho reo fanjakana.[23]Fanalane tamiko teo agnivo ty
fiaignako ty hereko. Nihafohezine ty androko. [24]Nanao tihoe raho: " Aandragnhareko, ka alà eo agnivo ty fiaiko
raho; te eo magnera ty taranake iaby Iriha.[25]Nametrake ty tane tamy ty fitobohane Iriha taloha; asa ty tagnanao ty
lagnitse. [26]Ho rava reo, te Iriha hitoetse hiha-antitse manahake fisikina iaby reo; manake ty akanjo, ho afahanao
reo, ka hanjavo. [27]Feie Iriha tsy miova, vaho tsy hanam-pinjanognanao.[28]Ty ana reo mpiasanao ho velo vaho ho
velo eo amy ty fagnatrehanao ty taragn'iareo."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 103Salamo natao ndre Davida

[1]Hiantsa ahy Yaveh raho amy ty fiaignako iaby, naho ze iaby ato agnateko, hiantsa ty agnarane masy raho.
[2]Hiantsa ahy Yaveh amy ty fiaignako iaby raho, vaho hahtiaro reo asane soa iaby.[3]Mamela ty helokao iaby Reke;
magnafake ty aretenao iaby Redke. [4]Magnavotse ty fiainao amy ty faharava Reke; misaro fagnina azo antoke anao
Reke vaho mamindra arofo vatane. [5]Manao ze mahafa-po ty fiaignanao amy ty voromahere ndraike ty
fahatanoranao.[6]Manao ze hitine Yaveh vaho manao ty asa ty marene ho ahy ty mijale iaby. [7]Nampahafantarene
ahy ndre Mosesy ty lalane, vaho tamy ty taranagn'Israely reo asane. [8]Mamindra arofo naho mifirignesa Yaveh;
mahari-po; sade bey famindragn'arofo.[9]Tsy handilo sake hariva Reke vaho tsy masiake sake hariva. [10]Tsy manao
antika arake ze maeva ty faharateantika Reke na mamale antika arake ze take ty harateantika.[11]Manahake ty
haambo ty lagnitse ambone ty tane, ro habey ty famindragn'arofone amy reo ze magnomey hase Aze. [12]
Manahake ty halavira ty atignana amy ty andrefa, le zane ro halavira ty hagnafahane ty heloke ty faharateantika
amintika. [13]Manahake ty raike mahaferagnay ty anane, ro iferegnesa Yaveh reo ze magnomey hase Aze.[14]Te haine
ty nagnanaovane antika; haine te leboke tika. [15]Laha ty amy ty ndaty, le manaheke ty ankata ty androne; mitiry
manahake ty folera agne am-baibo reke. [16]Tiofe ty tioke zane, ka tsy hisake, vaho tsy misy na ia na ia afake
mitalily tihoe taiai ro nitiria zane taloha.[17]Feie ty famindragn'arofo Yaveh le bak'amy ty maharitse zisikam-parane
hatramy ty maharitse zisikam-parane ho ahy reo ze magnomey hase Aze.Miitatse agne amy ty taragn'iareo ty
fahamarignane. [18]Miambe ty fagnekene naho mahatiaro ty fagnina reo fampianarane iareo. [19] Te nampitoetse ty
seza fiankinane agne an-dagnitse Yaveh, vaho manjaka amy ty ndaty iaby ty fanjakane.[20]Miantsà ahy Yaveh,
nareo anjeline, nareo maherine ze matanjake naho manao ty tsarane, vaho magnina ty feo ty tsarane. [21]Miantsà
ahy Yaveh, ty maramilane iaby, nareo mpanompone ze manao ty sitra-pone. [22]Miantsà ahy Yaveh, ty zaka
namboarine iaby, agne amy ty toera iaby ze anjakane. hiantsa ahy Yaveh amy ty fiaignako iaby raho.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 104

[1]Hiantsa ahy Yaveh amy ty fiaignako iaby raho, Yaveh Andragnahareko, mahafinaritse loatse Iriha; misike
famirapirata naho hase Iriha. [2]Mirakotse fahazava ho fisikina Iriha; velarinao manahake ty lamba lay ty lagnitse.
[3]Namponao teo amy ty hiboke reo fiankina ty efitse ty anjomabanao; nataonao ho saritinao ty hiboke; mandeha
eo amy ty ela ty tioke Iriha.[4]Nataone ho irakine ty tioke, ho mpiasane ty lelan'afo. [5]Nampitoetse ty fatahiene ty
tane Reke, ka tsy hihozohozo sase zane.[6]Nampisaro ty tane tamy ty rano manahke ty fisikina Iriha; nanaro ty
vohitse ty rano. [7]Ty firesakinao mafe ro nampihemotse ty rano; tamy ty fagneno ty fikotrokotroke ty feonao ro
nampilay regne.[8]Nitsanga reo vohitse, vaho reo vavabaibo niparitake tagne amy reo toera ze notendrenao ho ahy
reo. [9]Nanoritse sisintane ho ahy regne Iriha soa tsy hilosirane; ka le tsy hanro ty tane sase regne.[10]Nampandeha ty
vavarno tegne amy reo vavabaibo Reke; mandeha ampagnivoa reo vohitse ty riake ty rano. [11]Magnampe rano ho
ahy ty biby iaby agne am-baibo regne; le arandrno reo ampondradia. [12]Manamboatse ty tragnone eo agnolo ty
vavarano reovoro. Miantsa egne amy ty rantsan-ketae iareo.[13]Manondreke reo vohitse bak'amy ty fitobohan-
dranone agne an-dagnitse Reke. Feno vokatse ty asane ty tane.[14]Mampitire ankata ho ahy reo biby fihare naho
vole ho ahy tty ndaty hambole Reke soa hazahoa ty ndaty mamokatse sakafo amy ty tane. [15]Mamboatse divay
ghampifalea ty ndaty Reke, menake soa hanoha ty fiaine.[16]Reo hetae Yaveh le voatondrke ora bey; le reo sedera
ndre Lebanona ze nambolene. [17]Eo ro agnoregna reo voro ty tragnone. Ty voronkele manao ty hetae Kypres ho
fitobohane. [18]Ty osemaly mitoboke agne reo vohitse ambo, vaho ty haambo ty vohitse ro fitsolaha reo hyraka.
[19]Nanendre ty vola ho marike ty fotoa Reke; hay ty masoandro ty fotoa hitsoforane. [20]Namboarinao ty iike ty
halike lafa mimboake ty biby iaby agne agn'ala.[21]Mitroro ho ahy ty hazane reo lione tanora vaho mipay ty hanine
bak'amin'Andragnahare. [22]Lafa vaky ty masoandro, le miala regne le matore agne an-davakine.[23]Agnate zane
fotoa zane, ty vahoake miboake ho amy ty asane naho mialiay mandra-pahariva. [24]Yaveh hehike ty hamaro naho
karaza reo asanao! Namboarenao tamy ty fahendrea re iaby; feno reo asanao ty tane.[25]Ingo ty ranomase, lalike
sade malalake, mihetsiketsike miarake amy reo zaka-naboare tsy vatse isafe, na kele na befoloay. [26]Mandeha eo
reo sambo, vaho ao avao kea ty Levitiana, ze namboarenao hihisa an-dranomase.[27]Reo iaby reo le magnete Anao
soa hagnomey ty sakafone amy ty fotoa. [28]Lafa magnomey reo Iriha, le mivory iareo, lafa manokatse ty tagnanao
Iriha, le afa-po iareo.[29]Lafa mamine ty vatanao Iriha, le matahotse reo; lafa mangalake ty fofom-piay reo Iriha; le
mate iareo ka hanjare lemboke. [30]Lafa mandefa ty fagnahinao Iriha, le vory reo, le hagnavao ty tane ndraike
Iriha.[31]Haharitse zisikam-parane vatane ty hase Yaveh, hisitra ty voaharine vatane Yaveh. [32]Mihohoke mivamba ty
tane Reke, le matahotse zane; mipaoke reo vohitse Reke; le manetroke zane.[33]Hiantsa ho ahy Yaveh amy ty
fiaignako iaby raho; hiantsa fiantsa ahy Andragnahareko raho laha mboe velo kea. [34]ho mame amine vatane ty
fisaignako; hifale amy Yaveh raho.[35]Hanjavo etoy an-tane vatne reo mpanao rate, vaho lonike ho rava ty rate
fagnahe. Hiantsa ahy Yaveh amy ty fiaignako iaby raho. Miantsà ahy Yaveh.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 105

[1]Misaora ahy Yaveh, kaiho ty agnarane; ampahafatro amy reo firenena reo ty asane. [2]Miantsà ho Aze, miantsa
fiantsa ho Aze; ambarao iaby reo asane iaby mahavere. [3]Mirengerenge amy ty agnarane mase; lonike ty arofo ze
mipay ahy Yaveh hifale.[4]Mipaia ahy Yaveh naho ty herene; paivo avao ty fagnatrehane. [5]Tiarovo reo zaka-
mahavere fa nataone, reo fahaveregnane naho reo lalàne bak'ao an-tsiovine, [6]nareo taranagne nre Abrahama
mpiasane, nareo vahoake ndre Jakoba, ndaty voafiline.[7]Reke ro Yaveh, Andragnaharentika. Eo amy ty tane iaby
reo liline. [8] Ataone an-tsay zisikam-parane ty fagnekene, le ty tsara nandiliane ho ahy reo taranake agn'arivone.
[9]Mahatiaro ty fagnina ze nataone tamy ndre Abrahama naho fantane tamy ndre IsakaReke. [10]Zane ro
nihamafisine tamy ndre Jakoba ho lalàgna naho tamy ty Israelyt ho fagneke maharitse zisikam-parane. [11]Nanao
tihoe Reke: "Homeiko anjara lovanreo ty tane Kanana."[12]Nitalily zane Reke laha mboe kele isake iareo, vatagne
kele, sade bahiny tao amy ty tane. [13]NIrere tamy reo firenena naho bak'agne amy ty fanjakangne ho agne amy
tyraike hafa iareo.[14]Tsy napipoke na ia na ia hampijale aiereo Reke; nifosa mpanjaka maro Re noho ty amy iareo.
[15]Nanao tihoe Re: " Ko mipaoke reo ndaty voahosotse, vaho magnisy rate mpitokiko reo."[16]Nikaike ker ho amy ty
tane Re; nanapake ty fagnapea mofo iabyu Reke. [17]nagnirake ndaty hiolo lala aze reo Reke; navily ho mpiasa re
Josafa.[18]Narohine tamy ty takle ty tombone; teo amy ty vozone nasiane silsile, [19]zisike hahatanterake ty tsarane,
vaho nitsapa aze ty tsarane Yaveh.[20]Nagnirake reo mpiasa hamototse aze Yaveh; nagnafake aze ty mpanapake ty
vahoake. [21]Nataone niambe ty anjombane ho mpanapake reo fangnane iaby reke [22]soa hampianatse reo
mpanjakne arake ze irine naho hampianatse fahendrea reo ndatyt beine. [23]Le nagnagny Egypta ty Israely, vaho
Jakoba nibahiny tao amy ty tane Hama.[24]Nampahavokatse ty vahoagne Yaveh, vaho nampatanjake aiereo
mihoatse reo fahavalone. [25]Nataone nalay ty vahoagne ty fahavolo iareo, soa hampijale reo mpiasane. [26]
Nagnirake andre Mosesy, mpiasane, naho Arona, ze fa nifiliene Reke. [27]Nagnatanterake reo famantaragne teo amy
reo egyptiana iareo, reo haveregne tao amy ty tane Hama.[28]Nandefa ieke naho nampandilovine ty tane Reke, feie
tsy nagneke reo liligne ty vahoake tao. [29]Nampiova ty rano iareo ho lio Reke vaho namono ty hazan-dranogne.
[30]Feno saho ty tane iareo, na le ty tao agn'efetragno reo mpanapake ka.[31]Nitsara Re, ka le avy nagnera ty tanà iareo
ty rene ty lalitse naho ankehitse. [32]Navaligne ho havandra ty ora iareo, niarake tamy ty afo niroaroa teo amy ty
tanine. [33]Nitopehine ty voaloboke naho ty hetae aviavy iareo; nisimbaine reo hetae tao an-tanà iareo.[34]Nitsara Re,
le avy ty valala, valala lahiale. [35]Lany reo valala zaka-mitiry iaby tao amy ty tane iareo; lane regne ty vokatse ty
tane iaby. [36]Nivonoane ty taolagnolo lehilahy iaby tao amy ty tane, ty voaloha ty vokatse ty here iareo iaby.
[37]Nandesene niboake niarake tamy ty volamena naho volafote reo Israelita; tsy nisy tamy reo fokone tafitohe
tegne an-dala. [38]Falefale Egypta laha lasa iareo, satria natahotse aiereo ty Egyptiana. [39]Naele ty hiboke ho
fandrakofa Reke vaho nanao afo hampazava ty halike.[40]Nangatake sakafo ty Israelita, ka le nandesane papelika
vaho nataone afa-po tamy ty mofo bak'agne an-dahnitse. [41]Namake ty vatobey Reke, le nikororoake teo ty rano;
nandeha tagne amy ty tane tsy misy na ino na ino manahake ty vavarano regne. [42]Te nahatiaro ty
fampagnantenane mase ze nataone tamy ndre Abrahama mpiasane Reke.[43]Nitarike niboake tamy ty fifalea ty
vahoake; tamy ty koikem-pandresea ty ndaty vaofiline. [44]Nomeine aiereo ty tane reo firenena; nangalake fanagna
tamy reo fanagna ty vahoake iareo [45]soa hiambenane ty liline naho hagnekeane ty lalàgne. Miantsa ahy Yaveh.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 106

[1]Misaora ahy Yaveh, te soa Reke, te maharitse zisikam-parane ty famindragn'agnarofone. [2]Ia ro afake hagnisake
reo asa befoloay ze natao Yaveh na hanogno feno reo asa maeve fideragne?[3]Hotahia vatane reo ze manao ty
maregne, naho reo ze manao asa maregne sake hariva. [4]Tiarovo raho, Yaveh, lafa mampiseho fitea amy ty
ndatinao Iriha; ampeo raho lafa mamonje aiereo Iriha. [5]Vaho le hahisake ty fagnambina reo voafalinao raho,
hiravoravo amy ty fifalea ty firenenao naho hagnomey hase amy ty lovanao.[6]Nanao rate manahake reo
razambeinay zahay, nanao ty tsy nete zahay, vaho nahavita rate. [7]Tsy neke reo razagnay reo asa soanao tagne
Egypta; tsy idare ty halahiale ty famindragn'arofonao iareo; le nilietse tegne amy ty ranomase tegne amy ty
Ranomase Mena.[8]Na le zane ka, nisarombahine iareo noho ty agnarane soa hazohoane maneho ty herene.
[9]Nitsaraene mafe ty Ranomase mena, le ritse zane. Le nitarike aiereo nitsake reo lalike Reke, manahake ty nitsake
ty tane tsy misy ino na ino.[10]Namonje iaereo tamy ty tagna reo ze nalay aiereo Reke, vaho nagnavotse aiereo tamy
ty tagna ty fahavalo. [11]Te nisaragno ty rano reo fahavalo iareo; tsy nisy na ty raike amy iareo nivoasarombake.
[12]Vaho nino ty tsarane iareo, le niantsa fiantsa Aze.[13]Feie nalake nagnaligno ze nataone iareo; nandigne reo
torolalagne. [14]Fatra-pimpay tagny amy ty tane tsy miey ino na ino le nipay hihoatse ahy Andragnahare tagne amy
ty tane tsy misy na ino na ino. [15]Le nomeine ty fangatahane, feie nandefa arete handane ty vatagn'iareo Reke.
[16]Tagne an-kianja le nialogne andre Mosesy naho Arona, mpisoro masy Yaveh, Iareo. [17]Nisokatse ty tane le nitele
ahy Datana vaho nisaro reo mpagnarake andre Abirama. Nirehitse teo amy iareo ty afo; [18]le nandevo ty rate
fagnahy ty afo.[19]Le namboatse anak'ombilahy tao Hoeba iareo le nanompo ty sarin-jaka vy. [20]Natakalo iareo sary
ty ombilahy voasokitse ze mihina ankata maintso ty hase Andragnahare. [21]Nagnaligno ahy Andragnahare
Mpamonje aze iareo, ze namboatse asa befoloay tagne Egypta.[22]Namboatse zaka soa mahafinaritse tao an-tane
ndre Hama naho zaka-mahere tao amy ty ranomase Mena Reke. [23]Vaho nandily ty faharava aiereo Reke, laha tsy
re Mosesy, ze voafiline, ro nilitse an-tsehatse teo amy ty fanapaha soa hampiova ty siakine amy ty fandrava
aiereo.[24]Le natao iareo tsy misy dikane ty tane mahavokatse; tsy nino ty fampagnantegnane iareo;[25] te
nimenimene tao an-daine iareo, vaho tsy nangnina ahy Yaveh.[26]Noho zane le nampitsanga ty tagnane reke vaho
nifanta tamy iareo te hagnenga aiereo ho mate agne amy ty tane tsy raraha, [27]hagnele ty taranagn'iareo feno reo
firenena vaho hagnele aiero agne amy ty tane hafa.[28]Nanompo andre bala Peora iareo vaho nihina reo soro
nomea ho ahy ty mate. [29]Nikaike Aze ho meloke tamy ty fihetsigne iareo, ka le namofoke aiereo ty arete-mandane.
[30]Le nitsanga re fineasa le nilitse an-tsehatre, nijano ty aret-mandane. [31]Agnisa ty asa marene ho aze zisikam-
parane zane zisik'agne amy ty taranake farane hisolo.[32]Nampasiake ahy Yaveh avao kea iareo tegne amy ty rano
ndre Meriba, le nijale re Mosesy noho iareo . [33]Nampijale andre Mosesy iareo, ka le nitsara mafe reke. [34]Tsy
nandrava reo firenena arake ty nandilia Yaveh iareo, [35]feie iareo niharo tamy reo firenena naho nianatse ty
fataone [36]le nanompo reo sampine, ze lasa fandrike ho aze.[37]Namboatse sor reo anandahine naho reo
anak'ampelane ho ahy reo demonia iareo. [38]Nandatsake ty lione tsy misy tsikone iareo, ty lio reo anandahine
naho reo anak'ampelane ze natao iareo soro ho ahy reo sampy ndre Kanana; le nametaveta ty tane tamy ty lione.
[39]Voaloto tamy reo asane; manahake reo mpijangajanga iareo noho ty nataone.[40]Ka le meloke tamy ty ndatine
Yaveh, vaho nataone tsy misy dikane ty vahoakine. [41]Nomeine ho egne an-tagna reo firenena iareo, vaho reo
nalay aiereo ro nanapake teo amine.[42]Nampijale aiereo ty fahavalone, vaho nandesine hagneke ty fahefagne
iareo. [43]Matetike avy nagnampe aiereo Reke, te iareo kea nilietse avao vaho naletike ty harateane avao.[44]Na zane
aza le nagnete ty fijalea iareo lafa naheno aiereo nitagne hovonje. [45]Nampahatiaro ty fagnekegne tamy iareo Reke
le nanegny no ty fiteane tsy miova. [46]Le nataone niferignay aiereo ty mpangnandevo iaby.[47]Vonjeo zahay, Yaveh,
Andragnaharenay. Vaho avorio bak'amy reo firenena, soa hisaoranay ty agnaranao Masy naho hagnomezanay
hase amy ty fiantsa Anao. [48]Ho antsay vatane Yaveh, Andragnahare ndr'Israely, nanombokizay le ho zisikam-
parane. Vaho nitsara ty ndaty iaby tihoe: "Amena", miantsà ahy Yaveh. Boky fahadimy

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 107

[1]Misaora ahy Yaveh, te soa Reke, vaho zisikam-parane ty famindragn'arofone. [2]Lonike reo navota Yaveh hitalily
zane, le ze navotane teo an-tagna ty fahavalo. [3]Navorine bak'amy ty tane hafa maro iareo, le ze bak'agne avaratse
naho bak'agne atimo.[4]Nerere tagne amy ty tane tsy raraha tegne amy ty lala karakay iareo vaho tsy nahisake tanà
hitobohane. [5]Satria kere sade marandrano iareo, le feno fahareraha iareo. [6]Le nikaike mafe ahy Yaveh tamy ty
andro fijaleane, le namonje aiereo tamy ty fijalea reke. [7]Nanday aiereo tamy ty lala mahite Re soa hazohoa iareo
mandeha agne amy ty tanà ze hitobohane.[8]hiantsa ahy Yaveh vatagne reo ndaty noho ty famindragn'arofone
naho reo zaka-soa iaby nataone tamy ty ondaty! [9]Te magnomey fahafa-po ty fagniria reo ze marandrano Reke,
vaho ty fagniria reo kere le vokisane zaka-soa. [10]Ty sasane mitoetse agnate ieke naho aloke ty fahafatesa,
voagnadram-pijalea naho reo silily.[11]Nisy zane satri nilietse nanohitse ty tsara ty Andragnahare iareo vaho
nagnare ty torolala ty ambo loatse. [12]Nampietre ty arofo iareo tamy ty zaka-sarotse Reke. Tafintohy iareo vaho tsy
nisy ndaty hagnampe aiereo hitraka. [13]Le nikaike ahy Yaveh tamy ty fijaleane iareo, le nandese Yaveh hiala bak'ao
amy ty fijaleane.[14]Nanday aiereo hiboake ty maieke naho ty ieke im-pito Reke vaho tinapane ty fehy iareo.
[15]Hiantsa ahy Yaveh vatagne reo ndaty reo noho ty famindragn'arofone naho reo zaka-mahavere namboarine ho
ahy ty ondaty! [16]Te namotike ty vavahade saba Reke vaho nanapake reo fihily vy[17]Biloka iareo tamy ty filierane
nataone vaho mijale noho reo helone. [18]Rombake ty fagniriane hitava ty mahatnjake iaby, vaho niha-narine ty
vavahady ty fahafatesa iareo. [19]Le nikaike mafe ahy Yaveh iareo tamy ty fijaleane, le nanday aiereo hiboake amy
ty fijaleane Reke.[20]Nandefa ty tsarane Reke le nagnasitregne aiereo, le nivonjene tamy ty fahapotehane iareo. [21]Ty
ndaty vatagne hiantsa ahy Yaveh noho ty famindragn'arofone naho reo zaka-mahavere namboarine tamy ty
ondaty! [22]Lonike iareo hagnomey reo fagnatitse fisaora le hagnambara ty asane bey amy ty fiantsa.[23]Ze
miantsambo egne an-dranomase naho manao raraham-barotse agne ampitan-dranomasy. [24]Reo le nahisake ty asa
Yaveh naho ty fahagagane tegne an-dranomase.[25]Te reke ro mandily naho magnirake ty tafio ty tioke ze
mampisondrotse ty ranomase. [26]Nanakatse ty lagnitse regne; vaho nizotso tagne amy ty lalike. valake ty fijalea ty
fiaigna iareo. [27]Niseho sade nivembe manahake reo mamolava iareo le lasa amy ty fahaverean-tsay.[28]Vaho nikaike
ahy Yaveh tamy ty fijaleane iareo, le nandesine niboake tamy ty fijalea iareo. [29]Nampijano ty tafio ty tioke Reke,
vaho nampijano ty onjan-dranomase. [30]vaho le nifalefale iareo satria nijano ty ranomase, vaho nanday aiereo ho
egne amy ty sisin-driake iareo Reke.[31]Ty ndaty vatane hiantsa ahy Yaveh noho ty famindram-pone naho nahp
amy reo zaka mahavere namboarine tamy tyondaty! [32]Lonike iareo hanondrotse Aze eo amy ty fiangona ty ndaty
vaho hiantsa Aze eo amy ty filan-keve reo ndatty bey.[33]Mamalike reo rano ho tane tsy misy raraha Reke, vavarano
ho tane maike, [34]vaho tane mahavokatse ho tane karakaraky noho ty faharatea ty ndaty. [35]Mamalike ty tane tsy
misy raraha ho sihanake ty rano Reke vaho tane maike ho vavarano maro.[36]Apone agne ze kere, vaho hagnore
tanà hitobohane iareo. [37]Hagnore tanà hisy baibo iareo, ho anoene tanem-boaloboke, vaho hamokatse bey.
[38]Hitahy reo Re le ho maro agn'isake zane. Tsy apone hihakele ty biby fiharine.[39]Te nihena naho niambane iareo
noho ty fijalea maharare naho mangirifire. [40]Mandrarake fagnaboka amy reo mpitarike Reke vaho mampirere
aiereo agne amy ty tane tsy raraha, ze tsy misy lala.[41]Te miaro reo tsy mana noho ty fafijalea kea Reke vaho miaro
reo longone manahake ty tarike aondre. [42]Hahisake zane ty ndaty mahity la ho fale,vaho reo rate fagnahe iaby
manampem-bava. [43]Ze hendre le lonike handray an-tsoratse zane zaka zana vaho hisafire reo asa
famindragn'arofo Yaveh.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 108Tognon-kira, salamo natao ndre Davida.

[1]Tafatoetse ty arofoko, Andragnahare; hiantsa raho, eka, hiantsa fiantsa amy ty arofoko falefale avao kea raho.
[2]Mifohaza, ty valiha naho lokanga; hifoha vo maraindray raho.[3]Hisaotse Anao raho , Yaveh, egne amy ty ndaty
iaby; hiantsa ho Anao raho egne amy ty firenena iaby. [4]Te ty famindragn'arofonao le befoloay ambone ty lagnitse
vaho midofotse agne amy reo habakabake ty fahamendreham-pitokianao.[5]Misondrota, Aandragnahare , agne
ambone ty lagnitse, vaho lonike ty hasinao hisondrotse magnera ty tane iaby. [6]Soa ho voavonje reo malalanao,
vvonje amy ty tagna ankavananao raho le valeo.[7]Nitsara tamy ty fahamasignane Andragnahare le nanao tihoe:
"hifale raho vaho hizara andre sekema; vaho hizara ty vavabaibo ndre Sokota. [8]Ahike re Gileada, vaho ahike re
Manase, sarodohako avao kea re Efraima; fitogno ty mpanjakako re Joda.[9]tavendrano fanasako re Moaba eo amy
ndre Edoima ro hananignako hanako; hikoike fandresea Raho noho re Filistia. [10]Ia ro handay Aahike agne amy ty
tanà matanjake? Ia ro hitarike Ahike ho agne Edoma?"[11]Andragnahare e, tsy fa nagnare anay va Iriha? Tsy
hibaoke amy ty aly miarake amy ty tafikay Iriha. [12]Omeo fagnampea Zahay hanohitse ty fahavalo, te zaka-foa ty
fagnampea ty ndaty. [13]Miarake amy ty fagnampea Andragnahare ro haharesentika; hagnitsahane reo
fahavalontika.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 109

[1]Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo natao ndre Davida. 'v 1 Andragnahare ze antsaiko, ko mitsy, [2]Te mamofoky
ahike ty rate fagnahe naho mpamitake; mitallily vande manohitse ahike iareo. [3]Miarisaro ahike iareo le mirehake
zaka falaigna, vaho mamafoke ahike tsy amy ty tsy misy dikane iareo.[4]Seresera ro natao iareo ho vale ty fiteako,
te iraho kea mivavake ho aiereo. [5]Nivalea iareo rate ty soa nataoko, vaho hejene ty fiteako.[6]Manendre lehilahy
rate fagnahy soa ho fahavalo manahake regne ndaty regne; manendre mpitanjake hitsanga eo an-tagnane
ankavana. [7]Lafa ho tsarae re le lonike ho meloke, vaho lonike ty fivavahane dinihine ho faharatea.[8]Lonike ho
fohike ty andrne; vaho lonike ho lasa ndaty hafa ty anjara rarahane. [9]Lonike ty anane ho bode rae, vaho lonike ty
valine ho vatotse. [10]Lonike ty anane herere naho hiragnadria, hangatake sakafo laha magnenga ty fitobohane
simba iareo.[11]Lonike halae ty tompo ty trosa ze aze iaby; vaho lonike ty vahine handrava ze azone. [12]Lonike tsy
hisy na raike ka haneho hasoa ty fagnahy amine; lonike tsy hisy hiferignay ty anane bode. [13]Lonike ho rava ty
anane; vaho lonike ty agnarane ho vonoa tsy ho amy ty taranake afara hisolo.[14]Lonike ho talilie amy Yaveh ty
heloky reo razane; vaho lonike tsy hoaligno ty heloky ty hitine. [15]Lonike ho eo agnatreha Yaveh zisikam-parane ty
hadisoa iareo; lonike hofoagna Yaveh amy ty tane iaby ty fahatiarova aiereo. [16]Lonike atao Yaveh zane satria io
lehilahy io le tsy naneho famindragn'arofone. te kea nampijale ty mijale, ty tsy mana, vaho ty kivy arofo amy ty
fahafatesa.[17]Nitea ozo reke; hakeo aza vatagne zane. Malay fitahia rake; lonike tsy hisy fitahia ho avy amine.
[18]Mampisike vata amy ty ozo manahake ty akanjone reke, vaho fagnozogna ro zisik'agne agnatine manahake ty
rano, manahake ty menake ao ampo ty taolane.[19]lonike ty ozone hanahake ty fisikina ze handrakofane ty vatane,
manahake ty santira ze agnisiane zisikam-parane. [20]Lonike zane ho valesoa ho ahy reo mpitanjake bak'amy
Yaveh, ho ahy ze mirehake rate ty amiko.[21]Yaveh tompoko, manaova amy ty hasoam-pagnahe amiko noho ty amy
ty agnaranao. Satria soa ty famindragn'arofanao. vonjeo raho. [22]Te mijale naho tsy mana raho, vaho ty arofoko le
voaratse ao ampoko. [23]Mihena manahake ty aloke ty hariva raho; vaho nahintsa manahake ty valala.[24]Valake ty
fifalian-kane ty lohaliko; mivoha ho taola mifogno holitse raho. [25]Atao reo mpitanjake ahiko ho tsy misy dikane
raho; lafa mahisake ahike iareo le miolignolin-doha.[26]Ampeo raho Yaveh Andragnahareko; vonjeo amy ty
famindragn'arofonao raho. [27]Vaho lonike ho hay iareo te zane ro asanao. ze Iriha. Yaveh, ro namboatse zane.[28]Na
le magnozo ahike ka iareo le mba tahio raho; laha mamofoke iareo; lonike hitsanga- megnatse, te lonike ty
mpiasanao hifale. [29]Lonike hisiky hasalara reo fahavaloko; lonike hisiky ty fahasalarane ho manahake ty ankajo
lava iareo.[30]Amy ty vavako ro hagnomezako fisaora befoloay ho ahy Yaveh; hiantsa Aze eo ampagnivoa ty ndaty
raho. [31]Te mitsanga eo an-tagna ankava ty makahelo Reke, soa hamonje aze amy reo ze mizaka aze.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 11Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo natao ndre Davida.

1 Yaveh ro itsolohako; hanao akore ro hitalilianao amiko tihoe: "Milaisa agne am-bohitse Manahake ty voro?" 2 Te
ingo! Magnamboatse ty bala-kiditsine iareo soa hitifira ty mahity arofo ao ampo ieke. 3 Te laha rava reo
fagnoregna, ino ro azo ty marine anoe? 4 Yaveh le ao amy ty tempoline masy; mivamba ty fanjone, mandinike ty
ana ondaty ty fanjone. 5 Sambe dinihe Yaveh na ty ndaty-to na ty raty fagnahy, te Re le malay reo tia herizake.
6 Handatsake baek'afo mahamay naho solifara amy reo rate fagnahy Re; tioke-magnoro ro ho anjara kapoakane!
7 Te marene Yaveh, vaho tea fahamarigna Re; ty mahity ro hahisake ty vatane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 110Salamo natao ndre Davida.

[1]Nanao tihoe Yaveh amy ty tompoko: " Mitoboha eto an-tagnako ankavana zisike hanaovako reo fahavalonao ho
fitoboha tombonao."[2]Yaveh le hamoake ty fitogno ty mpanjaka ty herenao bak'agne Ziona; le mandalia eo amy
reo fahavalonao. [3]Hagoridia anao malalake ty vahoagnao agnate reo akanjo mase amy ty andro fahefanao,
asamake amy ty mazava antignana manahake andoho anao ty mpamarakinao.[4]yaveh fa nifanta, vaho tsy hiova
tihoe: "mpisoro ho ahike zisikam-parane iriha, arake fatao ndre Melkizedeka."[5]Eo an-tagnanao ankavana ty
tompo. Hamono reo mpanjaka Reke amy ty andro ty fasiakine. [6]Hitsara reo firenena Reke; hofenoene fate ty tane
fialia; vaho hovonoane reo mpitarike agne amy reo firenena maro.[7]Hino amy ty vavabaibon-driake agne an-dala
Re, vaho le hampiandra ty lohane afara ty fandresea Reke.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 111

[1]Miantsà ahy Yaveh. Hagnomey fisaora ho ahy Yaveh amy ty aroko iaby raho ao amy ty fiangona iareo. [2]Befoloay
reo asa ty Anddragnahare, nilignsa ze iaby nagniry aiereo tamy ty fahasahia. [3]Malaza bey hase ty asane, vaho ty
fahamarignane maharitse zisikam-parane.[4]Mamboatse zaka-soa ze hotiaro Reke; mpamindra arofo naho
miferegnay yaveh. [5]Magnomey sakafo ho ahy reo mpagnorike matoke Aze Reke. Hampahatiaro ty fagnekene
san'andro Reke. [6]Nasehone tamy ty ndatine reo asa maherene tamy ty fagnomezane aiereo ty llova reo firenena.
[7]Magneva fitokisa naho mahity reo asa ty tagnane; azo antoke iaby reo fampianarane . [8]Mitoetse zisikam-parane
zane, sao hiambena amy ty fitokia naho amy ty tokone ho ie. [9]Nagnomey fandresea ho ahy ty ndatine Reke;
nampisy ty fagnekene zisikam-parane mamse naho mahavere ty agnarane.[10]Ty fagnomeza hase ahy Yaveh ro
fanomboham-pahendrea; reo ze magnatanterake ty liline ro mana fahazavan-tsay soa.a maharitse zisikam-
parane ty fiantsa Aze.

## Chapter 112

[1]Vototse ze ndaty magneke ahy Yaveh, ze tea vatagne reo liline. [2]Reo taranagne homafe egne amy ty tane; reo
taranake ty lehilahy ho voatahy.[3]Fanagna dey ro ao an-jombane; ty fahamarignane haharitse zisikam-parane.
[4]Magnazava ao amy ty maieke ho ahy ty ndaty masy ty hazava; miferegnay Reke, mpamindra arofo, naho mahity.
[5]Vototse ty ndaty ze maneho amy ty fiferegnay naho mampitrosan-drala, ze manday ty rarahane amy ty hasoa
arofo.[6] Te tsy hizohozo zao reke; ty ndaty marene le ho tiarova zisikam-parane. [7]Tsy hatahotse ty vaovao rate re;
satria matoky mianky amy Yaveh.[8]Milamy ty arofone, tsy misy tahotse, mandra-pagneteane amy ty fandresea reo
fahavalone. [9]Magnomey amy ty fahalalaha tagna reo tsy mana reke; ty fahamarignane haharitse zisikam-parane;
hasondrotse amy hasy reke.[10]Reo ndaty rate fagnahe hahisake zane vaho ho meloke; hihily vaza reke vaho ho
rava; ho mate try fagniria ty ndaty rate fagnahy.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 113

1Miantsà ahy Yaveh. Miantsà Aze, nareo mpiasa Yaveh; antsao ty agnara Yaveh. 2Isaora vatagne ty agnara Yaveh,
amy henenazao le ho zisikam-parane zzisikam-parane.3Manomboke amy ty fivakisa ty masoandro le hatramy ty
foliane, tokone hoantsay ty Agnara Yaveh. 4Asondrotse ambone ty firenena iaby Yaveh, vaho ty hasine midofotse
mihoatse ty lagnitse.5Ia ro manahake ahy Yave Andragnaharentika, ze mitoboke egne amy ty ambo, 6ze mivamba
mizotso egne amy ty lagnitse naho etoy an-tane?7Manondrotse ty tsy mana hiala amy ty loto Reke vaho
mampitsanga reo sahira amy ty fagnaria lavenoke, 8soa hazahoane mampipoke aze miarake amy reo mpanjaka
ty vahoakine.9Hagnomey anjomba fitoboha ho ahy ty ampela tsy terake Re, manao aze ho renen-jaza falifale Re.
Miantsà ahy Yaveh!


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 114

[1]Lafa nagnenga ahy Egypta ty Israely, ty taragne ndre Jokaba bak'agne amy zane vahoake bahiny zane, [2]le avy
fitobohane mase re Joda, vaho fanjakane ndr'Israely.[3]Nivamba ty ranomasy le nilay; nimpoly ty Jordana.
[4]Nifalefale manahake ty aondre lahy reo vohitse reo haboa nifalefale manahake reo anak'aondre.[5]nanao akore ro
nilay iriha, ty ranomase? Ty Jordana, nanao akore riha ro nimpoly? [6]Ty vohitse, nanao akore ro nifalefale
manahake ty aondrelahy? Nareo haboa kele, nanao akore nareo ro nifalefale manahake ty anak'aondre?
[7]Mititiha, ty tane, magnoloa ty Tompo, amy ty fagnatreha ty Andragnahare ndre Jakoba.[8]Mamalike ty vatobey ho
sihanan-drano Reke, ty vatobey mafe ho vavarano.

 

Chapter 115

[1]Tsy ho anay Yaveh, tsy ho anay, te ho ahy ty agnaranao ro hagnatera-kase, te ho agne ty fagnekenao matoky naho
ho ahy ty fahamendreham-pitokianao. [2]Nanao akore reo firenena ro mitsara tihoe: "Aia ty Andragnahare
iareo?"[3]Ty Andragnaharenay agne an-dagnitse agne mamboatse ze iaby teane atao. [4]Volafoty naho volamena reo
sampy ty firenena, asan-tagna ty ndaty.[5]Manam-bava reo sampy, te tsy mirehake; mana-maso iareo, te tsy
mahisake; [6]manan-tsofy, te tsy mahare; managn'oro iareo, te tsy magnimbo.[7]Reo sampy reo manan-tagna, te tsy
maharae; manan-tomboke iareo, te tsy afake mandeha; na le ty mirehake amy ty vavane ka. [8]Reo ze nanao aze
reo le mitovy amine, manahake ze iaby miaky amine.[9]Ty Israely, maokia ahy Yaveh; Reko ro famonjeanao naho
fiaronao. [10]Ty taranagne ndre Arona, matokia ahy Yaveh; Re ro famonjenao naho fiaronao. [11]Iriha ze magnomey
hase ahy Yaveh, matokia Aze; Reke ro famonjenao naho fiaronao.[12]Yaveh mahatiaro le hitahy antika; hitahy ty
longo ndr'Israely Re; vahao hitahy ty longo ndro Arona. [13]Hitahy ze magnomey hase Aze Reke; na tanora na
antitse. [14]Lonike Yaveh hampitombo isake anareo hatragne hatragne ty anao naho ahy reo taranagnao.[15]Yaveh
iaze namboatse ty lagnitse naho ty tane vatagne hitahy anao. [16]Ahy Yaveh ty lagnitse; te ty tane nomeine ho ahy ty
ndaty.[17]Ty mate tsy mba miantsa ahy Yaveh, na ze mizotso agne amy ty mangingike tsy manao zane;[18] Te hisaotse
ahy Yaveh zahay amy zao le ho zisikam-parane. Miantsà ahy Yaveh.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 116

[1]Teako Yaveh satria mahare ty feoko naho reo lalilaliko ho amy ty famindragn'arofonao Reke. [2]Satria nitsano
ahike Reke, hikaike Aze raho laha mboe velo kea.[3]Namehe ahike reo taly ty fahafatesa, vaho ty fandrike ty fiaigna
tsy hisake le nagnatrika ahike, nahatiaro fangirifiria naho alahelo raho. [4]Le nikaike ty agnara Yaveh raho nanao
tihoe: "Mangatake Yaveh, avoto ty fiaiko."[5]Yaveh le bey famindragn'arofo vaho tsy mitagnila; ty
Andragnaharentika le bey firignay arofo.[6]Yaveh le miaro ty tsy mahay raraha; nambanie raho, vaho namonje
ahike Reke.[7]Afake mimpole aghne amy ty toera fitofa ty fagnahiko, satria Yaveh fa nanao soa tamiko. [8]Te Iriha
nagnavotse ty fiaiko tamy ty fahafatesa, ty masoko tamy ty ranomaso, vaho ty tomboko tsy ho tafintohy.[9]Hiasa
ahy Yaveh agne amy ty tane velo raho. [10]Nino aze raho, na lafa nirehake raho tihoe: "Vatagne mijale raho".
[11]Nirehake tsy amy ty fandineha raho tihoe: "Mpavande ty ndaty iaby."[12]Nanao akore ro hazahoako magnavake
ahy Yaveh ty hasao fagnahine iaby tamiko? [13]Hatsangako ty kapoake ty famonjea, vaho kaihiko ty tahina Yaveh.
[14]Ho vitaeko reo vsarekeko nataoko tamy Yavah teo agnatreha ty vahoagne iaby. [15]Aka-sarotse teo amy ty fanjo
Yaveh ty fahafatesa reo Ndaty masy.[16]Eka vatagne, Yaveh, mpiasanao raho; mpiasanaoraho raho; anandahy ty
mpiasa ampelanao; nahafanao reo fehiko. [17]Hagnomey ty sorom-pasaora ho Anao raho vaho hikaike ty tahina
Yaveh.[18]Ho vitaeko reo sareko tamy Yaveh teo agnatreha ty vahoagne iaby, [19]teo an-tokontane ty anjomba Yaveh,
teo aminao, Jerosalema. Antsao Yaveh.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 117

[1]Miantsà ahy Yaveh, nareo ry firenena iaby; asondroto Re, nareo vahoake iaby. [2]Satria ty famindragn'arofone le
befoloay eo agnatrehantika, vaho maharitse zisikam-parane ty fahamendreham-pitokia Yaveh. Antsao re Yaveh.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 118

[1]Misaora ahy Yaveh, te soa Re, te maharitse zisikam-parane ty famiondragn'arofone. [2]Lonike Israely hirehake
tihoe: "maharitse zisikm-parane ty famindragn'arofone.[3]Lonike ty hasaveregna ndre Arona hitalily tihoe: "Ty
fagnekene matoke le maharitse zisikam-parane," [4]Lonike reo ze miasa ahy Yaveh hitalily tihoe: "Mahaitse
zisikam-parane ty famindram-pone."[5]Nikaike ahy yaveh tao agnate fijaleako raho; namale ahike Yaveh vaho
nagnafake ahike. [6]Miaro ahike Yaveh: tsy hatahotse raho; hanao ino amiko ty ondaty? [7]Mpamonje eo agnilako
Yaveh; hahisake fandresea amy reo ze malay ahike raho.[8]Soa vatagne ty mitsiloko eo amy Yaveh manahake ze
mametraka fitokia amy ty ondaty. [9]Soa vatagne ty mitoetse ao amy Yaveh manahake ze mametrake fitokia amy ty
mpanjaka lehilahy.[10]Ty firenena iaby nagnodidy ahike; ho tapahiko amy ty agnara Yaveh iareo. [11]Nagnodidy; eka ,
nagnodidy ahike iareo; ho tapahiko amy ty agnara Yaveh iareo. [12]Nagnodidy ahike manahake ty tantale iareo;
nanjavo malake manahake ty afo teo amy ty fatike iareo; ho tapaheko amy ty agnara Yaveh iareo.[13]Nanafike ahike
iareo soa handavo ahike, feie nagnampe ahike Yaveh. [14]Yaveh ro hereko naho fifaleako, vaho Reke iaze tokagne
mpagnavotse ahike.[15]Rey ao amy ty lay ty fahamarigna ty koikem-pifalea ty fandresea; nandrese ty tagnan-
kavana Yaveh. [16]Asondrotse ty tagnan-kavana Yaveh mandrese ty tagnan-kavana Yaveh.[17]Tsy ho mate raho, te ho
velo vaho hagnambara reo asa Yaveh. [18]Fa nilolova Yaveh mafe raho; feie tsy nagnomey ahike ho mate Reke.
[19]Sokafo ho ahike reo vavahade ty fahamarigna; hilitse ao amy zane raho vaho hisaotse ahy Yaveh. [20]Zane ro
vavahade aveh; ndaty amrene ro mizilike ao. [21]Hisaotse Anao Raho, satria namale ahike Iraha, vaho avy famonjea
ho ahike Iriha.[22]Iaze vato ze nihala ty mpamboatse tragno le nanjera vato fehezoro. [23]Zane ro natao Yaveh
mahavere eo amasontika zane.[24]Itoy iaze andro ze natao Yaveh; hifale naho ho ravoravo amy zane tika.
[25]Mangatake Yaveh, omeo fandresea zahay! mangatake Yaveh, omeo fitahia zahay![26]Ho tahie re ze ho bak'amy ty
agnara Yaveh; ho tahianay amy ty anjomba Yaveh riha. [27]Yaveh ro Andragnahare vaho fanagnomey fahazava ho
anay Reke; namehe iaze soro tamy reo taly teo amy reo tsifa ty alitara. [28]Riha ro Andragnahareko, vaho hisaotse
Anao raho; Riha ro Andragnahareko; hanondrotse Anao raho.[29]Oh, Misaora ahy Yaveh; te soa Re; te maharitse
zisikam-parane ty famindram-pone.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 119

[1]ALEFA. Vototse reo ze tsy misy tsikone ty lalagne, ze mandeha amy ty lalàgna Yaveh. [2]Vototse reo ze miamby ty
liline masy, ze mipay Aze amy ty arofone reo iaby.[3]Tsy soa manao rate iareo; te mandeha amy ty lalagne. [4]Nandily
anay hitanjake ty fampianaranao Iriha soa hiambenanay soa zane.[5]Hehike, te ho tafatoetse mafe amy ty
fitandrema ty lilignao raho! [6]Le tsy ho salatse raho laha misaigne ty amy reo lilignao iaby.[7]Hagnomey fisaora ho
anao amy ty arofo mahity raho lafa mianatse ty lalà-mzregnao. [8]Hiambe ty lilinao raho; ka mampipoke ahike ho
raike. BETA.[9]Nanao ro hiambena ty tanora ty lalagne soa halio? Amy ty fagneke ty tsaranao. [10]Amy t arofoko iaby
ro hipaivako Anao; ko mampipoke ahike hivio hiala amy ty lilignao.[101]Niaro ty tombonao hiala amy ty lalan-drate
iaby raho mba hiambenako ty tsaranao. [102]Tsy nivio lala niala tamy ty lalà-marenao raho, te Iriha ro nampianatse
ahike[103]Heheke ty hamamy ty tsaranao laha andramako,eka, mamy miahotse ty tantely amy ty vavako! [104]Amy ty
fampianaranao ro ahazoako fahaiza-manavake; noho zane le hejeko ty lalan-diso iaby. NONA.[105]Fahazava hoahy
ty tomboke vaho jiro ho hoahy ty lalako ty tsaranao. [106]Fa nifanta raho vaho nihamafisiko zane, te hiamby ty lalà-
marenao raho.[107]Vatane mijale le mijale raho, Yaveh ze nampagnantenainao tamy ty tsaranao. [108]Yaveh o, mba
ekeo ty fagnate-tsitrapo bak'amy ty vavako, vaho ampianaro ty lala-marenao raho.[109]Eo an-tagnako zisikam-
parane ty fiaiko, nefa tsy mba magnaligno ty lalanao raho. [110]Namboatse fandrike hoahy ty rate fagnahe, te tsy
niviombio hiala amy ty fampianranao raho.[11]Nitanako ato agn'arofoko ty tsaranao soa tsy hanaovako rate
aminao. [12]Antsay Riha, Yaveh; ampianaro ty lilignao raho.[111]Antaliliko ho lovako zisikam-parane ty lilim-
pagninanao. [112]Tafatoetse amy ty fagnekea ty lilinao zisikam-parane hatramy ty farane loatse ty foko. SAMEKA.
[113]Hejeko reo miasa-say, te teako lalanao. [114]Iriha ro toera fivoniako naho ampingako; miandre ty tsaranao raho.
[115]mindrisoa amiko, nareo mpanao rate, mba hiambenako ty lilin'Andragnahareko. [116]Tohano amy ty alala ty
tsaranao raho mba ho velo le tsy ho megnatse amy ty fagnantenako.[117]Tohano raho, le hiada; hadinedinake ty
lalanao zisikam-parane raho. [118]Lierenao reo iaby mviombio miala lilinao, te mpamitake sady tsy azo atokisa rey
ndaty rey.[119]Afaho manahake ty tain-drendreke ty rate fagnahy ty tane iaby; noho zane le teako ty liliy masenao.
[120]Mangitikitike ty tahotse Anao ty vatako, vaho matahotse ty lala-masenao raho .AINA.[121]Manao ze rarene naho
marene raho; ka mahafoe ahike ho agne amy ty mpampijale ahike. [122]Omeo antoke ty fitahia ty mpiasanao; ka
enga hampijale ahike ty mpieboeboebo.[123]Miha rerake ty masoko eo am-pandignasa ty famonjeanao naho ty tsara
marenao. [124]Aseho ty mpiasanao ty fagnina mahatoky, vaho ampianaro ty lilinao raho[125]Mpiasanao raho; omeo
fahazavan-tsay raho mba hahaizako ty lilim-pagninao. [126]Fotoa hiasa Yaveh zao, te nandika ty lalànao ty
ndaty[127]Teako mihoatse noho ty volamena soa loatse. [128]Noho zane zane le manarehake ty fampianaranao iaby
raho, vaho hejeko ty lalam-pitake iaby. PE.[129]Mahavere ty fitsipikao, zane ro antone hagninako reo. [130]Ty
fampibaribary ty tsaranao ro magnomey fahavaza; magnome fahavazan-tsay hoahy ze tsy nampianare zane.
[13]Tamy ty vavako ro nitoriako ty lalà-marene iaby ze nasehonao. [14]Mifalefale amy ty lala ty lilim-pagnekeanao
mihoatse noho ty amy ty fanagna iaby raho.[131]Sakafako ty vavako le misagnasagna, te magnire mafe ty lilinao
raho.[132]mitolliha amiko vaho mamindra arofo amiko, arake ty ataonao zisikam-parane amy reo zze tea ty
agnaranao.[133]Ampandenao amy ty tsaranao ty tombonao; ka enga hisy fahadisoa hanapake ahike. [134]Sarombaho
amy ty fampajalea ty ondaty raho mba hiambenako ty fampianaranao.[135]Lonike hamirapiratse amy ty mpiasanao
ty vatanao, ampianaro ahike ty lilinao. [136]Ranomaso bey ro mipopoke amy ty masoko satria tsy miamby ty lalànao
ty ndaty. TSADE.[137]Marene Iriha, Yaveh, vaho rarene ty lilinao. [138]Nomeinao am-pahamarigna naho am-pahatokia
ty lilim-pagninanao.[139]Nandravarava ahike ty heloke satri magnaligno ty tsaranao ty mpifagnia amiko. [140]Fa
voaente-toetse soa ty tsaranao, vaho tea ty mpiasanao zane.[141]Tsy le misy dikane raho sady niharatie, kanefa tsy
mba magnaligno ty fampianaranao raho. [142]Marene zisikam-parane ty fitsaranao, vaho azo antokisa ty lalanao.
[143]Na nahazo ahike ka ty fijalea naho ty fangirifiria, le mbo mamiko avao ty lilinao. [144]Marene zisikam-parane ty
lilim-pagninanao; omeo fahazavan-tsay raho mba ho velo. KOFA.[145]Nikoikoike tamy ty arofoko iaby raho tihoe: "
valeo raho, Yaveh, le hitanjake ty lilinao. [146]Mikaike anao raho; sarombaho raho, le hiambe ty lilim-
pagninanao."[147]Mifoha aloha ty mazava an-tignana raho vaho mikoike famonjea. ao amy ty tsaranao ty
fagnantenako. [148]Magnete mialoha ty hiova ty fiambena ty halike ty masoko mba handinendinehako ty tsaranao.
[149]Minjanjigna ty feoko amy ty fagnina azo anokinao; velopmo raho, Yaveh, arake ty nampagnantenainao tao amy
ty lalà-marenao. [150]Miha-miha-marinike ahike reo ze magnnjeke ahike, feie lavitse ty lalànao reo.[15]Handinendike
ty fampianaranao raho le hiamby reo lalagnao. [16]Magnamamy ty lilignao raho; tsy hagnaligno ty tsaranao.
[151]Marinike Iriha, Yaveh, vaho azo atokisa ty lilinao iaby. [152]Nianatse baka tamy ty lilim-pagnekenao ze naponao
tamy ty toerane zisikam-parane zisike ty elabey raho.RESY.[153]Heteo ty fijaleako le ampeo raho, te tsy mba
magnaligno ty lalanao raho. [154]Misoloa vava ahike le avoto raho; tanjaho raho, arake ze nampagnantenainao tamy
ty tsaranao[155]Lavitse ahy reo rate fagnahy ty famonjea, te tsy tea ty lilinao reo. [156]Bey ty famindragn'arofonao,


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Yaveho; velomo raho, arake ty ataonao sakihariva.[157]Maro ty mpagnenjeke ahike naho ty fahavaloko, kanefa tsy
niala tamy ty lilim-pagninao raho. [158]Feno rikoriko ty fagnenteako an'reo mpamadike satria tsy miamby ty
tsaranao iareo.[159]Hehike ty fiteako ty fampianaranao; velomo raho, Yaveh, arake ty nampagnantenainao tamy ty
fagnekea azo antoke. [160]Fahitia ro loharano ty tsaranao; maharitse zisikam-parane ty lala-marenao kiraikiraike.
SINA.[161]Magnenjeke tsy misy antone reo mpanjaka; le mangitikitike ty arofoko, matahotse ty tsy hagneke ty
tsaranao. [162]Mifalefale amy ty tsaranao manahake ty ndatinao raike ze mahazo rese bey raho.[163]Henjeko naho
harateako ty fitake, te tiako ty lalanao. [164]Impito isan'andro ro hiantsako Anao noho ty lala-marenao.[165]Fiadagna
bey ro hanagna reo ze tea ty lalanao; tsy misy mahalavo aiereo. [166]Mandigny ty famonjeanao raho, Yaveh, vaho
magneke ty lilinao.[167]Miamby ty lily masenao raho, vaho teako mafe reo. [168]Mitanjake ty fampianaranao naho ty
lily masinao raho, te fahainao ze iaby ataoko. TAV.[169]Minjanjigna ty kaike vonjeko, Yaveh; omeo fahazavan-tsay ao
amy ty tsaranao raho. [170]Ho avy eo aminao vatane ty fangatahako; ampio raho, arake ty fanampagnantenainao
tamy ty tsaranao.[17]Mampisehoa halemem-pagnahy amy ty mpiasanao soa hahavelomako naho hiambenako ty
tsaranao. [18]Vohao ty masako sao hahisahako reo zaka-mahavere amy ty lalàgnao.[171]Hiterake fiantsa vatane ty
sogniko te ampianarinao ahike ty lilinao. [172]Lonike ty leleko hiantsa ty amy ty tsaranao, te to iaby ty lilinao
iaby[173]Hagnampe ahike vatane ty tagnanao, te nifily ty fampianaranao raho. [174]Magniry mafe ty fagnavotanao
raho, Yaveh, vaho ty lalanao ro mamiko[175]Ho velo vatane raho le hiantsa anao, vaho hagnampe ahike vatane ty
lala-marenao. [176]Fanirererere manahake ty aondre vere raho; ilao ty mpiasanao, te tsy nagnaligno ty lilinao raho.
[19]Bahiny an-tane raho; ko mamiere ty lilinao hiala amiko. [20]Potepoteho ty fipaiva mafe ty hahay ty lalà-maregnao
sa'andro ty fagniriako.[21]Magnanatse ty mpirengerenge, ze voazo, le mitsilisily miala amy ty lilignao Riha. [22]Afaho
amy ty fahasalara naho ty hegnatse raho, te nagneke ty lilim-pagnekea raho.[23]Na le manao dine-drate le
maneresere ahike ka reo mpanapake, le mandinindiha ty lalàgnao ty mpiasanao. [24]Ty lilim-pagnekenao ro
mamiko loatse, vaho reo ro mpagnome say ahike. DALETA.[25]Miraikitse amy ty lemboke ty fiaiko! Omeo fiaigna
amy ty tsaranao raho. [26]Nataliliko taminao ty lalako, le namale ahike Iriha; ampianaro ty lilinao raho.[27]Ataovo
mahatakatse ty lala ty fampianaranao raho, soa hazahoako mandinike ty fampianara-mahaverenao. [28]Feni ty
alahelo raho! Antajaho amy ty tsaranao raho.[29]Afaho hiala amiko ty lala ty fitake ampianaro ahike anjafalea ty
lilinao. [30]Nifilieko ty lala ty fahatokia; fa niamby ty lili-maregnao teo agnatrehako avao raho.[31]Reo lilim-
pagnekeanao ro impitehako; Yaveh ko ampok haekeake raho. [32]Hilomay eo amy ty lala ty lilinao raho, te iriha ro
magnitatse ty foko hanao zay. HE.[33]Ampianaro ty lala ty lilinao raho, Yaveh, le ho ambenako zisikamy ty earane
zane. [34]Omeo fahazavan-tsay raho, le hiambe ty lilignao; zane ro ho dinediheko amy ty arofoko iaby.[35]Tariho amy
ty lilinao raho, te mamiko ty mandeha amy zane. [36]Tariho agne amy ty lilim-pagnekeanao ty arofoko vaho lavitse
ty hanagna tsy marene.[37]Ahodiho ty masoko tsy hivamba zaka-tsy misy dikane; velombelomo amy ty lalanao
ndraike raho. [38] Tanteraho hoahy ty mpiasanao ty fampagnantenanao ze nataonao tamy reo ze miasy anao.
[39]Afaho lavitse ty fagnarantiaratia atahorako mafe, te soa ty fitsara marenao. [40]Ingo, nagniry mafe ty
fampianaranao raho; velombolomo amy ty fahitianao raho. VAO.[41]Yaveh' omeo ahike ty fiteanao tsy mete rava_ty
famonjeanao, arake ty fampagnantenanao; [42]le ho voavaleko iaze magnarateahike, te ty tsaranao ro hiankinako.
[43]Ka afaho amy ty vavako ty tsara fahatia, te fa niambe ty lily marenao raho. [44] Hiambe ty lilinao hatragny raho,
zisikam-parane.[45]Andeha am-pilamina raho, te mipay ty fampianaranao. [46]Hitalily mikasike ty lily masenao eo
agnatreha reo mpanjaka raho le tsy mba ho megnatse.[47]Mamiko ty lilinao, ze embenako mafe. [48]Hanondrotse ty
tagnako ho amy ty lilinao raho, ze teako; handinendineke ty lalanao raho. ZAINA.[49]Tiarovy ty fampagnantenanao
tamy ty mpiasanao satria nameanoa fagnantena raho. [50]Zao ro fionona ho ahike amy ty fijaleako; ty
fampagnantenanao ro mbo nahavelo ahike.[51]Nandraterate ahike ty mpieboebo, nefa tsytsy mba niala tamy ty
lalanao raho. [52]Nandineke mikasike ty lala-marenao hatre zay raho, ry Yaveh le magnamafe ty vatako.[53]Nitanjake
mafe ahike ty siake mampafana noho ty rate fagnahe ze mandietse ty lalanao. [54]Reo lilinao ro hiantsako tao amy
tragno ze hitobohako tsielatsiela avao[55]Mandinike ty agnaranao maharitse ty halike raho, Yaveh, le miamby ty
lalanao. [56]Zane ro fanoeko satria niamby reo fampianaranao raho. HETA.[57]Yaveh ro anjarako; fa niezake ty
hiamby ty tsaranao raho. [58]Miamby mafe ty teanao amy ty foko iaby raho; fereneso ahike, arake ty
nampagnantenay ty tsaranao.[59]Nandinike ty lalako raho vaho nampivio ty tombonao ho eo amy ty lilim-
pagninanao. [60]Malisa raho sade tsy malaodao amy ty fiambena ty lilinao.[61]Nisokitse ahike ty taly ty rate fagnahy;
te tsy nagnaligno ty lalanao raho. [62]Any ty misasak'ale ro hitsanganako hagnomey fisaora Anao noho ty lalanao
marene.[63]Nama reo iaby ze magnaja Anao raho, le reo iaby ze miamby ty fampianaranao. [64]Feno ty fagneke
mahatokinao ty tane, Yaveh; ampianaro ty lilinao raho.TETA.[65]nanao soa tamy ty mpiasanao Riha, Yaveh, Tamy ty
alala ty tsaranao [66]Ampianaro ahike ty fahaiza-magnavake soa naho ty fahazavan-tsay, te fanino ty lilinao
raho[67]Taloha ty nampijalea ahike le nivio raho, te amy henane zao le miambe ty tsaranao raho. [68]Soa Riha iaze
raike ze manao ty soa; ampianaro ty lilinao raho.[69]Nisokitse ahike tamy ty vande ty mpiavognavo, feie miamby ty
fampianaranao amy ty arofoko iaby raho. [70]Mihamafe ty arofo iareo, te mamiko ty lalanao.[71]Soa ahike ty nijaleako


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

mba hianarako ty lilinao. [72]Ty fampianara bak'amy ty fitavanao le lafovily lavitse noho ty volamena naho ty
volafoty malinike agn'arivone ho ahike. JODA.[73]Ty tagnanao ro nanao naho namadibadike ahike;omeo fahazavan-
tsay raho mba hianarako ty lilinao. [74]Reo ze miase le ho fale laha mahisake ahike satria amy ty tsaranao ro
ahisahako fagnatena.[75]Hainao, Yaveh, te marene ty lalanao, vaho tamy ty fahatokia ronampijaleanao ahike.
[76]Lonike ty fagnina azo antokinao ro hahamafe ahike, arake ty nampagnantenanao tamy ty mpiasanao[77]Manahoa
feregnay amiko mba ho velo raho, te ty lalanao ro mamiko. [78]Lonike ho megnatse ty mpieboebo, te naneresere
ahike iareo; te raho kea le handinike ty fampianaranao.[79]Hitoliko amiko vatana reo ze miase anao; le reo ze
mahay ty lilim-pagninanao. [80]Tsy hisy tsiny vatane ty arofoko noho ty lalana mba tsy ho megnatse raho. KAFA.
[81]Kivy ty fandignasa mafe ty hamonjenao ahike raho! ao amy ty tsaranao ro hanagnako fagnantena. [82]Magniry
mafe ty hahisake ty fampagnatenanao ty masoko; ombia riha ro hampionone ahike?[83]Te nanjare nanahake ty
vatavon-divay agnate setroke raho; te tsy mba magnaligno ty lalanao raho. [84]Ho zisikombia ro hiareta ty
mpiasanao an'zao;mbia Riha vo hitsara reo ze magnenjek ahike?[85]NIhale lavake hoahy ty mpieboebo, sade
nanohitse ty lalanao. [86]Azo iantehera ty lilinao iaby; magnenjeke ahike amy ty tsisy dikane reo ndaty reo; ampeo
raho[87]Fa ho nanapitse ty fiaiko tetoy an-tane reo, fe tsy mahafoy ty fampianaranao raho. [88]amy ty fiteanao tsy
mivalike, velomo raho, mba hagnekeako ty lilinao. LAMEDA.[89]Yaveh mitoetse zisikam-parane ty tsaranao; miore
mafe agne an-dagnitse ty tsaranao. [90]Maharitse hoahy ty taranake iaby ty fahatokianao; Iriha ro nagnore ty
tane,vaho mitoetse zane.[91]Mitohy zisik'amy henanezao iaby, arake ze voatalilinao ao amy ty lala-marenao, te
mpiasanao ty zaka iaby.[92]Laha tsy teako ty lilinao, le fa maty ty fijaleako raho manahake zay.[93]Tsy ho alignoko
zisikam-parane ty fampianaranao, te tamy reo ro namelomanao ahike. [94]Anao raho; sarombaho raho, te mila ty
fampiaranao.[95]Mivonogne hamoteke ahike ty rate fagnahe, te hipay ty hahay ty lilim-pagninanao raho. [96]Hisako te
misy farane iaby ty zaka-iaby, te malalake tsy misy farane ty lilinao. MEMA.[97]Hehike ty fiteako ty lalanao! Zane
dinedineheko nndrak'andro.[98]Mahahendre ahike mihoatse reo fahavavaloko ty lilinao, te miarake amiko zisikam-
parane ty lilinao.[99]Mana fahazavan-tsay mihoatse reo mpampianatso iaby raho, te mandinedineke lilim-pagninao.
[100]Mahatakatse mihoatse reo ze bey tao noho iaho raho; zane le satria niambe reo fampianaranao raho.

Chapter 12Ho ahy ty mpagnonja antsa; natao tamy ty Al-hasheminith. Salamo natao ndre Davida.

[1]Vonjeo, Yaveh, te tsy misy sase ty soa fagnahy; nanjavo reo matoke.[2]Sambe mirehandrehake avao amy ty mpiray-
monigne amy ty sogny mitsiriry naho arofo sempotse ty ndaty iaby. [3]Yaveh, aravao reo sogny mpiatsaravelatsihy,
ty lele iaby sambe hagnambara reo zaka-marene. [4]Reo le zay nandesine tihoe: "Ty lelanay ro hampandrese anay.
Laha mitsara ty sognenaay, ia ro afake handily eo aminay?"[5]Noho ty herizaka atao amy ty mijale, noho ty sento ty
tsy mana, le hitsanga Raho," zao ty nata Yaveh. Hagnomey filamina zay iry iareo mafe raho."[6]Reo tsara Yaveh le
tsara malio, manahake ty volafoty voarendreke im-pito. [7]Iriha ro Yaveh! Niamby aiero iriha. Miaro ty ndaty soa
fagnahy amy zao taranake rate fagnahy zao zisikam-parane Iriha. [8]Mandeha na aia na aia ty rate lafa
misandratse amy ty ana ondaty ty rate fagnahy.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 120Antsa fiboaha.

1Tamy ty andro fijaleako le nikaike ahy Yaveh raho, le namale ahike Reke. 2Avoto ty fiaiko, ry Yaveh, amyreo
mavande amy ty sogne vaho mandiso fagnantena amy ty lelane.3Nanao akore ty fomba hagnasazia anareo vaho
ino ro mbo ho ataone anareo, nareo ze mana lela mpavande? 4Ho saziene amy ty bala-kititse ty mpiale zay
niragnita tamy ty vaenafon'anjavidy nareo.5Lozako te nitoboke vonjemaike tao Maseka raho; teo aloha raho
nitoboke tamy reo tragno bongo ty Kedarita. 6Fa niagne maharitse niarake tamy reo ze malay filamina raho.
7Iraho le tea filamina, feie lafa mirehake raho, le ho amy ty aly iareo.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 121

1Hiantsa fiakara. Hagnte ty masoko agne am-bohitse raho. Bak'aia moa ty famonjea ahike? 2Ty famonjea ahike le
bak'amy Yaveh, zay namboatse ty lagnitse naho ty tane.3Reke le tsy hagnenga ty tombonao hibolisatse; Reke ze
miaro anao le tsy ho robake. 4Ingo, ty mpiambe ndr'Israely tsy mba tandregna na matory zao5Yaveh ro mpiambe
anao; Yaveh ro aloke eo ankavananao. 6Tsy hanimba anao ty masoandro noho ty andro, na ty vola noho ty halike.
7Yaveh hiaro anao amy ty loza iaby, vaho hiaro ty fiaianao Reke. 8Yaveh hiaro anao amy ty zaka iaby ataonao amy
zao le ho zisikam-parane.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 122Hiantsa fiakara, natao ndre Davida.

[1]Fale raho lafa nitaliliko tamiko iareo tihoe: " Andeha tika ho ao an-gnajomba Yaveh." [2]Ry Jerosalema, ty
tombonay le avy ato amy ty vavahadinao! [3]Ry Jerosalema, zay namboare manahake ty tana vaolame soa![4]Reo
foko Yaveh niakatse tagne Jerosaleme_reo foko Yaveh_mba ho fitsangana vavolombelo hoahy Israely hagnomeza
fisaora ty agnara Yaveh. [5]Natoboke tagne reo seza fiankina ty fitsara, seza fiankina ty anjomba Yaveh.[6]Mivavaha
ho amy ty fiadagna ty Jerosalema! " Lonike ze teanao hana fiadagna. [7]Lonike hisy fiadagna ao amy reo lakoro vato
ze miaro anao, vaho lonike iareo hana fiadagna ao amy ty fiarova mafenao."[8]hoahy reo rahalahiko naho reo
namako le hirehake raho tihoe: " Ho eo aminareo vatane ty fiadagna." [9]Ho ahy ty anjomba Yaveh
Andragnaharentika, le hipay ty mahasoa anareo raho.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 123Fiantsa fiakara.

[1]Aminao ro hanandaratako ty masoko, Iriha ze mitoboke eo amy ty seza fiankina agne an-dagnitse. [2]Ingo, laha
magnete ty tana ty tompone ty maso reo mpiasako lehilahy laha magnete ty tana ty tompo vave ty maso reo
mpiasa ampela, le magnete ahy Yaveh Andragnaharetika ty masontika zisike hamindrane arofo amintika.
[3]Managna famindragn'arofo aminay, Yaveh o, managna famindragn'arofo aminay, te feno fanalam-baraka zahay.
[4]Mihoatse lavitse noho ty feno ty fandratia ty mpagnambanembane naho ty fagnamboka ty mpieboebo zahay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 124Fiantsa fiakara ; natao ndre Davida.

[1]" Laha tsy teo agnilantika Yaveh," le lonike Israely hitsara tihoe: [2]"laha tsy Yaveh ro teo agnilantika lafa nitsanga
nanohitse antika ty ndaty, [3]le nihina antika velo ty iareo lafa nirehitse tamintika ty helo iareo.[4]Mete fa voafafa ty
rano itika; vaho nanafotse antika ty riake. [5]Bak'eo tyrano mifamotafota nahafate antike."[6]Isaora vatane Yaveh,
iaze tsy nagnenga antika ho hohotae ty nife iareo. [7]Fa bototse manahake ty voro teo amy ty fandrike reo mpihaza
tika; simba ty fandrike, vaho afake nilay tika[8]Ao amy Yaveh, ze namboatse ty lagnitse naho ty tane ro famonjea
antika.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 125Fihira fiakara.

[1]Reo ze mahazo antoke ahy Yaveh le manahake ty vohitse Ziona, tsy azo hozongozogne maharitse zisikam-parane.
[2]Manahake reo vohitse magnodidy andre Jerosalema, ro hiarisaro ty vahoakane Yaveh amy henanizao naho
zisikam-parane. [3]Tsy tokone handily ao amy ty tane ty to ty fitogno ty mpanao rate. Laha tsy zane le mete hanao
rate ty marene[4]Yaveh, manaova ty soa amy ze soa naho reo ze mahity ao agn'arofo iareo. [5]Te laha ty amy reo ze
miala amy ty lalan-drate iareo, le hitarike aiereo lavitse an'reo mpanao rate Yaveh. ho amy Israely vatane ty
fiadagna.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 126

[1]Fihira fiakara. Lafa nampimpoly ty fanagna ndre Ziona Yaveh,le manahake reo magnonofe tika.[2]Bak'eo feno
fifihehea ty vavantika vaho antsa ty lelantika. Le nanao tihoe iareo tamy reo firenena: " nanao zaka bey ho aiereo
Yaveh.'' [3]Nanao zaka bey ho antika Yaveh; hehike zane hafaleantika![4]Yaveh o, ampolio ty fanagnanay, manahake
ty riake ao Negeva. [5]Reo ze mitongy am-pitomagnia le hahazo amy ty koikem-pifalea. [6]Ze mandeha mitomagny,
manday voa hatongy, le himpole amy ty koikem-pifalea ndraike, manday ty lokane miarake amine.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 127

[1]Fiantsa naho fiakara, natao ndre Solomona. Laha tsy Yaveh ro magnore ty tragno, le miasa tsisy dikane iareo, ze
magnore zane, Laha tsy Yaveh miambe ty tana, le mitsanga miambe tsisy dikane ty mpiambe. [2]Zaka-tsisy dikane
ho anareo ty mifoha maraindray, naho holy tara agne an-tragno, na hihina ty mofo ty asa mafe, satria Yaveh ro
magnomey ho ahy ty malalane laha matory iareo.[3]Ingo, lova bak'amy Yaveh ty anake, vaho fagnomeza bak'amine
ty vokatse ty troke. [4]Manahake ty kititse egny an-tagna ty mpialy, le manahake zane kea reo anake ty fahatanora.
[5]akore ty havotara ty ndaty zay mana ty tragnom-bala-kititsine feno an'rey. Tsy ho megnatse reke lafa miatreke
reo fahavalone eo am-bavahade.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 128fiantsa fiakara.

[1]Vototse ty iaby ze magnomey hase ahy Yaveh, ze mandeha amy ty lalane. [2]Ze omey ty tagnanao, le teanao; ho
vototse naho hotahine iriha.[3]Hanahake ty voaloboke mamokatse ao an-tragno ty valinao; hanahake ty anak'oliva
reo anakao laha mitoboke magnodide ty latabanao iareo. [4]Eka, ho vototse vatane ty ndaty ze magnomey hase ani
Yaveh. [5]Hitahy anao bak'agne Ziona vatane Yaveh; hahasike ty fitahia ndre Jerosalema maharitse ty androm-
pivelomanao iaby vatane riha. [6]Ho velo vatane riha mba hahasike reo zafikelinao. Ho amy ndr'Israely vatane ty
fiadagna.

Chapter 129Fiantsa fiakara.

[1]Lonike Israely hiresaky tihoe: [2]"Mateteke hatramy ty fahatanorako le nanafike ahike iareo, fe tsy nandrese ahike
iareo. [3]Nahaly ty lambosiko reo mpihaly; natao iareo lava vavabaibone.[4]Marene Yaveh; nanapake ty taly iaze rate
Reke." [5]Lonike ho salare reke iaby vaho himpoly, le reo ze malay andre Ziona.[6]Hanahake ty akata egne am-bone
tragno ze malazo aloha ty hitomboa zane vatane iareo, [7]zay tsy afake mameno ty tagna ty mpangalake vokatse na
ty tratra zay mifehe loka. [8]Lonike reo ze mandrio tsy hirehake tihoe: " mitsi-pirano anao amy ty agnara Yaveh
zahay


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 13

[1]Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo natao ndre davida, Yaveh, ro hagnadiovanao ty mikasike ahike? zisikim-bia
ro hamoniano amiko ty vatanao? [2]Zisikim-bia ro tsy maintse hatahorako naho hananako alahelo agn'arofo
san'andro? Zisikim-bia ro handrese ty fahavaloko ahike?[3]Vambao raho vaho valeo, Yaveh Andragnahareko! Omeo
fahazava ty masoko, sao azo ty torimasom-pahafatesa raho. [4]Ty fahavaloko ko ampoke hirehake tihoe: "Fa
nandrese aze raho," soa tsy hirehafa ty fahavaloko tihoe: "Fa nandrese teo amy ty rafiko raho;" laha tsy zane, le
hifale reo fahavaloko lafa lavo raho.[5]Te fa marine ty fivaliham-pagninanao raho; mifale amy ty famonjeanao ty
arofoko. [6]Hiantsa ho ahy Yaveh raho satria vantae nalala-tagna tamiko re.

## Chapter 130

[1]Fiantsa fiakara. Nikaike anao tao amy ty lalike raho, ry Yaveh. [2]Tompo njanjigno ty feoko; lonike hiheno soa ty
fangatahako famindragn'arofo ty ravimbianao.[3]Laha mandineke heloka Riha, ry Yaveh, le ia hahatsanga, ry
tompo? [4]Te misy famela miarake Aminao, mba ho voahaja Riha.[5]Mandigne an' Yaveh raho, mandigne ty
fagnahiko, vaho magnantena ao amy ty tsarane raho. [6]Miambe ty tompo mihoatse noho ty mpiambe mandigne ty
maraindray ty fagnahiko[7]RY Israely, Magnantegna ani Yaveh. Mpamindra arofo Yaveh, vaho vatane vonogne
hamela Reke. [8]Reke ro hagnavotse ty Israely amy reo faharatia iaby.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 131Fiantsa fiakara; natao ndre Davida.

[1]Ry Yaveh, tsy mirengerenge ty arofo na miavignavognavo ty masoko. Tsy mana fagnantegna bey hoahy ty vatako
raho na misalasala ty vatako amy reo zaka ze mihoatse ahike.[2]Te nampiognone naho nampitsy ty fagnahiko
vatane raho; manahake ty ajaja niota-nono tamy ty renine, ty fagnahiko ao agnatiko le manahake ty ajaja niota-
nono. [3]Ry Israely, magnantegna ahy Yaveh amy henanezao vaho zisikam-parane.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 132Fiantsa fiakara.

[1]ry Yaveh, noho ty amy ndre Davida le tiarovo reo fijaleane iaby. [2]Tiarovo ty fomba nifantane tamy Yaveh, ty
fomba nanaovane sareke tamy iaze mafe ndre Jakoba.[3]Nanao tihoe reke: "Tsy hizilike ty tragnoko raho na
handeha ao am-pandreako, [4]tsy hagnomey torimaso ty masoko raho na fitofa ho ahy ty holi-masoko [5]mandra-
pahisahako toera hoahy Yaveh iaze tabernakely hoahy iaze mafe ndre Jakoba."[6]Ingo, naheno mikasike zane tagne
Efrata zahay; nahisake zane tagne amy ty baibo ndre Jara itika. [7]Handeha ho agne amy ty
tabernakelin'Andragnahare itika; hiantsa agne amy ty fitoboha ty tombone itika. [8]Mitsangana, Ry Yaveh, amy ty
toeram-pitofanao, Iriha naho ty tomabile ty herenao![9]Hampiakanjoe tsy fivaliha vatane reo mpisoro; hikoike
fifalea vatane reo azo antokinao. [10]Noho ty amy ndre Davida mpiasanao, le ka miala amy ty mpanjakanao
voahosotse.[11]Nifanta sareke azo antoke tamy ndre Davida Yaveh, fifanta azo antoke zay tsy ho fafane tihoe;
Hametrake raike amy reo taranagnao ho eo amy ty seza fiankinanao Raho. [12]Laha mitanjake ty fagnekeko naho
reo lalana ze hampianariko aiereo anadahinao, le hitoboke eo amy ty seza fiankinanao zisikam-parane avao kea
ty anagn'iareo.[13]Azo antoke fa nifile andre Ziona Yaveh, nagniry aze hoahy ty toera Reke. [14]"Itoy ty toeram-
pitofako zisikam-parane. Hitoboke eto Raho, te magnire aze Raho[15]Ho tahieko amy ty fagnampea maro reke.
Homeiko fahafahagn'arofo amy ty mofo ty tsy manam-panagnane. [16]Hampiankanjoako famonjea reo mpisorone,
hikoike fifalea reo azo antokine.[17]Agne ro hanaovako tsifa hitire hoahy ndre Davida naho hampimpohako jiro
hoahy ty voahosotse. [18]Hampiankanjoako hegnatse reo fahavalone, te eo amine kea ro hamirapiratse ty satro ty
hasine."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 133Fiantsa fiakara, natao ndre Davida.

[1]Ingo, hehike ty hasoa ty hafinaritse ty mpirahalahy miarake mitoboke![2]Manahake menake soa amy ty loha
ararake eo amy ty volombava zane_ volombava ndre Arona, vaho bak'eo ararake amy ty sisi-tombo ty akanjo
lavane zane. [3]Manahake ty zavo ndre Hermona ze mirarake amy ty vohitse Ziona zane. Te teo ro nandillia Yaveh
ty fitahia_fiaigna zisikam-parane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 134Fiantsa fiakara.

[1]Avia, misaora ahy Yaveh, nareo mpiasa Yaveh iaby, nareo ze miasa mandritre ty halike ao an-gnajomba Yaveh.
[2]Asondroto agne amy iaze fitoera mase ty tananareo vaho misaora ahy Yaveh.[3]Hitahy anareo bak'agne Ziona
vatane Yaveh, Reke ze namboatse ty lagnitse naho ty tane.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 135

[1]Miantsà ahy Yaveh. Miantsà ty agnara Yaveh. Miantsà aze, nareo ry mpiasa Yaveh, [2]nareo ze mitsanga ao an-
gnajomba Yaveh, ao an-kiaja ty anjomaban'Andragnaharentika.[3]Miantsa ahy Yaveh, te soa Reke; miantsa fiantsa
ho ahy ty agnarane, te mahafinaritse ty marene zane. [4]Te nifily andre Jakoba ho ahy ty vatane Yaveh, vaho Israely
ho fanagnane.[5]Hainao te bey Yaveh, vaho ambone ty andragnahare iaby ty tompontika. [6]Na ino na ino irie Yaveh,
le ataone agne an-dagnitse, etoy an-tane, egne amy reo ranomase naho ty rano lalike iaby[7]Manday ty zavo baka
lavitse Reke, manao helatse miarake amy ty rano ty ora vaho mamoake ty tioke bak'ao an-tagno
fagnajane[8]Namono ty taolagnolo ty Egypta Reke, na ahy ty ndaty na biby. [9]Nandefa fahaiza naho fahaveregna ty
agnivonareo, Egypta Reke, nanohitse andre Farao naho reo mpiasane iaby.[10]Nanafike firenena lahiale naho
namono mpanjaka mafe Reke, [11]le Sihona mpanjaka ty Amorita naho Oga mpanjaka ndre Basana vaho reo
fanjaka iaby ao kanàna.[12]Nomeine antika ho lova ty tane iareo, lova hoahy Israely vahoakane. [13]Ty agnaranao, ry
Yaveh, le maharitse zisikam-parane; ty lazanao, ry Yaveh, le maharitse magnera ty foko iaby.[14]Te miaro ty
vahoakane Yaveh vaho mana fahaferegnay arofo amy reo mpiasane. [15]Ty sampy reo firenena le volafoty naho
volamena, asa ty tagna reo ndaty. [16]Manam-bava reo sampy te tsy miresake; mana-maso iareo, te tsy mahasike;
[17]manan-tsofy iareo te tsy mahaheno, vaho tsy misy fiae ao ambava iareo. [18]Reo ze manao aiereo, manahake ty
ndaty iaby ze azo antoke aiereo.
[19] Ty taranagn'Israely, misaora ahy Yaveh; ry foko ndre Arona, misaora ahy Yaveh. [20]Ry foko ndre Levy, misaora
ahy Yaveh; nareo ze magnomey hase ahy Yaveh, misaora ahy Yaveh. [21]Isaora vatane Yaveh ahy Ziona, Reke ze
mitoboke agne Jerosalema. Miantsa ahy Yaveh

Chapter 136

[1]Magnomeza fisaora hoahy Yaveh; te soa Reke, te maharitse zisikam-parane ty famindragn'arofone. [2]Magnomeza
fisaora hoahy Andragnahare reo andragnahare, te maharitse zisikam-parane ty famindragn'arofone.
[3]Magnomeza fisaora hoahy ty tompo ty tompo, te maharitse zisikam-parane ty famidragn'arofone.[4]Magnomeza
fisaora ho aze te reke arere avao ro manao zaka-mahavere befoloay te maharitse zisikam-parane ty
fampindragn'arofine_[5]te tamy ty fahendrea ro nanaovane ty lagnitse, te maharitse zisikam-parane ty
famindragn'arofone.[6]Magnomeza fisaora ho Aze iaze namelatse ty tane ambone ty rano, te maharitse zisikam-
parane ty famindragn'arofone_[7]ho Aze iaze nanao fahazava bey, te maharitse zisikam-parane ty
famindragn'arofone.[8]Magnomeza fisaora hoahy iaze nagnomey ty masoandro mba hanapake amy ty andro, te
maharitse zisikam-parane ty famindragn'arofone_[9]ty vola naho reo vasia mba hanapake amy ty halike, te
maharitse zisikam-parane ty famindram-pone.[10]Magnomeza fisaora ho Aze iaze namono ty taolagnolo lehilahyu
ndre Egypta, te maharitse ziksikam-parane ty famindragna'arofone_[11]vaho nanday andr'Israely niboake bak'eo
amy iareo, te maharitse zisikam_parane ty famindragn'arofone_[12]tamy ty tana mafe naho vata nisondrotse, te
maharitse zisikam-parane ty famindragn'arofone.[13]Magnomeza fisaora ho Aze iaze nagnasarake ty Ranomase
Mena, te maharitse zisikam-parane ty famindragn'arofone_[14]nampitsake andr'Israely teo agnelagnela zane, te
maharitse zisikam-parane ty famindragn'arofone_[15]te kea nandetike andre Farao naho ty miaramilane tao amy ty
Ranomasy Mena, te maharitse zisikam-parane ty famindragn'arofone.[16]Magnomeza fisaora ho aze iaze nitarike ty
ndaty tagne amy ty tane tsy misy na ino na ino, te maharitse zisikam-parane ty famindragn'arofone_[17]naho hoahy
iaze namono reo mpanjaka bey, te maharitse zisikam-parane ty famindragn'arofone.[18]Magnomeza fisaora ho Aze
iaze namono reo mpanjaka malaza, te maharitse zisikam-parane ty famindragn'arofone_ [19]le re Sihona mpanjaka
ty Amorita_ te maharitse zisikam-paranety famindragn'arofone_[20]naho re Oga mpanjaka ndre Basana, te
maharitse zisikim-parane ty famindragn'arofone.[21]Magnomeza fisaora ho Aze iaze nagnomey ty tane iareo ho
lova, te maharitse zisikam-parane ty famindragn'arofone_[22]le lova hoahy ndr'Israely mpiasane, te maharitse
zisikam-parane ty famindragn'arofone_ [23]ho Aze iaze nahatiaro antika naho namonje antika tamy ty
fahasalarantika, te maritse zisikam-parane ty famindragn'arofone.[24]Magnomeza fisaora ho Aze iaze fa nagnomey
fandresea antika teo amy reo fahavalontika, te maharitse zisikam-parane ty famindragn'arofone_[25]le iaze
nagnomey hane hoahy ty zaka-manam-piay iaby, te maharitse ty famindragn'arofone. [26]Oh, magomeza fisaora
hoahy Andragnahare ty lagnitse, te maharitse zisikam-parane ty famindragn'arofone


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 137

1 Tegne amy sisy ty vavarano ndre Babylona zahay ro nitoboke naho nitagne laha nahatiaro ty amy ndre Ziona.
2 Teo amy ty hetaemalahelo ronagnantognanay reo harpa anay tagne.
3 Tagne ro nangataha reo mpangnadevo anay
hiantsa, vaho reo ze nagnarate anay le nangatake anay mba hifale, nanao tihoe: " Manaova antsa raike amy reo
antsa ndre Ziona ho anay." 4 Hanao akore ro hahazahoanay manao ty antsa mikasike Yaveh atoy amy ty tane hafa?
5 Laha magnaligno ty fahatiarova anao raho, ry jerosalema, le lonike tsy hahay hititike sase ty tagnako ankavana.
6 Lonike ty lelako hinditike amy ty lagnilagniko laha toe tsy mandike anao sase raho, laha tsy tea andre Jerosalema
mihoatse reo teako loatse raho 7 Tiarovo, ry Yaveh, iaze natao reo Edomita tamy ty andro naharava andre
Jerosalema. Nanao tihoe iareo: "potepoteho zane, ravao hatraagne amy ty fotone." 8 Ry anak'ampela ndre
Babylona, tsy ho ela le ho rava_lonike hotahie ndaty, ze ndaty mamale ty amy ze fa nataonao anay. 9 Hotahie
vatane ty ndaty, ze mangalake vaho manorotoro ty anakareo amy ty vatobey.

Chapter 138Salama natao ndre Davida.

[1]Hagnomey fisaora Anao amy ty arofoko iaby raho; eo agnatreha reo andragnahare ro hiantsako fiantsa ho Anao.
[2]Hiondreke eo amy ty anjombanao mase raho vaho hagnomey fisaora ty agnaranao ty amy ty famendreham-
pitokisanao. Nanao ty tsaranao naho ty agnaranao ho zaka-bey mihoatse ty zaka hafa iaby Riha.[3]Tamy ty andro
nikaihako Anao, le namale ahike Riha; nampahere naho nampatanjake ty fagnahiko Riha. [4]Hagnomey fisaora
Anao ty Mpanjaka ty tane iaby, ry Yaveh, te haheno reo tsara bak'amy ty fitavanao iareo.[5]Eka vatane, hiantsa reo
asa Yaveh iareo, te bey ty hase Yaveh. [6]Te na le ambone ka Yaveh, le mbo miaro reo magnetre tegna, te ty
mpieboebokea le haine bak'egne lavitse[7]Na le mandeha egne agnivo ty loza ka raho, le hiaro ty fiaiko Riha;
hagnenja ty tagnanao hanohitse ty siake reo fahavaloko Riha, vaho hamonje ahike ty tagnanao ankavana. [8]Miaro
ahike zisikam-parane Yaveh; ty famindragn'arofonao, ry Yaveh, le maharitse zisikam-parane. Ka mahafoe reo ze
nanoe ty tagnanao.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 139

[1]Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo natao ndre Davida. Ry Yaveh, fa nandinike ahike Iriha, vaho hainao raho.
[2]Hainao raho lafa mitoboke naho lafa mitsanga; takatsinao bak'egne lavitse ty safiriko[3]Mandinike ty lalako naho
ty fatoriako Iriha; mahay soa reo lalako iaby Iriha. [4]Te taloha ty nisia ty resake teo amy ty lelako, le hainao vatane
zane, ry Yaveh.[5] Magnodidy eo agnoloako naho ao afarako Iriha vaho mametrake ty tagnanao amiko. [6]Ty fahaiza
manahake zane le sarotse loatse amiko, sade ambone loatse, le tsy ho takatso zane.[7]Aia ro hialako amy ty
fagnahinao? Aia ro hilaisako amy ty fagnatrehanao? [8]Laha miakatse agne an-dagnitse raho, le agne Riha; laha
manao ty fandreako agne amy ty Fiaignan-tsy hisake raho, le ingo, te agne Riha.[9]Laha mitily amy ty elatse ty
maraindray raho vaho mandeha mba hitoetse agne amy ty fara ty ranomase, [10]vaho na agne ka mboe hitarike
ahike ty tagnanao, vaho ty tagnano ankavana hitanjake ahike.[11]Laha niresake raho tihoe: " Hanaro ahike vatane
ty ieke, vaho ty hazava ho avy halike magnodidy ahike," [12]na ty ieke ka le tsy ho maieke aminao. Vaho ty halike
hazava manahake ty antoandro, te aminao le mitovy ty ieke naho hazava[13]Iriha ro namoro ty tao agnateko;
niforogninao tao an-ton-dreniko raho. [14]Hiantsa Anao raho, te mahavere ty nanaova ahike. Fahay ty fagnahiko
soa vatane zane.[15]Tsy nivone taminao ty taolako laha nanoe tao amy ty mivone raho, laha raho nibalibalihinao
mafe tagne amy ty lalike ty tane. [16]Nahasike ahike tao an-troke Riha; ty andro iaby le voatondro ho ahike le fa
voasoratse ao amy ty bokinao na le mbo tsy niseho ka ty voalohane.[17]Hehike ty halafovily ty fandihanao ahike, ry
Andragnahare! Akore ty halahialy ty fiharoa iareo! [18]Laha agnandramako isahe reo, le maro agn'isa noho ty
fasike. Lafa mifoha raho, le mbo miarake Aminao.[19]Laha mba hamono ty raty fagnahy Riha, ry Andragnahare; le
mindrisoa amiko nareo ndaty mahare loha. [20]Milietse aminao iareo vaho maneho amim-pitake; mitalily vande
reo fahavalonao.[21]Nao tsy malay va,reo ze malay Anao raho, ry Yaveh? Nao tsy manao tsisy dikane va reo ze
mitsanga hanohitse Anao raho? [22]Malay aze regne vatane raho; fa lasa fahavaloko regne.[23]Dineho raho,
Andragnahare o, vaho haizo ty aroroko; vambao toetse raho le haizo ty fandinehako. [24]Vambao laha misy
fahazaran-drate ato agnatiko, vaho tariho amy ty lalana zisikam-parane raho

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 14Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salama natao ndre Davida.

[1]Ty biloka nirehake agnarofo tihoe: " Tsy misy Aanadragnahare." Simba toetse iareo vaho fe nanao heloke
fahavetaveta; tsy misy na raike ko manao ty soa.[2]Miondreke mivamba ty anagn'ondaty bak'egne amy ty lagnitse
Yaveh soa hivamba laha misy mahay, neho mipay Aze. Samby fa nitsily iaby iareo. [3]Samby simba toetse iaby. Tsy
misy manao ty soa, aha, na raike.[4]Tsy mahay na ino na ino vao iareo, reo ze manao rate, reo ze mitava ty ndatiko
manahake ty fihinanane mofo, feie tsy miantso ahy Yaveh?[5]Mangititke ty tahotse iareo, satria Andragnahare le
mikasika ty fiangona marene! [6]Magniry ty hanalatse ty ndaty tsy mana iriha na le Yaveh ro fitsolohane.[7]Hehike,
zane famonjea ty Israely zane le ho bak'agne Zione! Laha manday ty vahoagne bak'agny amy ty fagnadevoza
Yaveh, le ho fale re Jakoba vaho ho fale ty Israely iaby!



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 140Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo natao ndre Davida.

[1]Yaveeho, Vonjeo amy ty rate fagnahe raho; arovo amy ty ndaty mahere loha raho. [2]Misafiry rate ao agn-arofone
iareo;mamoro aly isan'andro iareo. [3]Mandratse manahake ty bibilivaa ty lela iareo; ty poizy ty menarana ro eo
amy ty sognine. Sela[4]Arovo amy ty tagna ty rate fagnahy raho. ry Yaveh; arovo amy ty ndaty mahere loha ze
misafire ty hamandreke ahike raho. [5]Fa napipoke fandrike ho ahike ty mpieboebo; fa namelatse ty harato iareo;
fa nametrake ho ahike iareo. Sela[6]Nanao tihoe tamy Yaveh raho: "Andragnahareko Riha; mijanjigna ty tagnim-
piferegnay." [7]Ry Yaveh, tompoko o, vatane afake mamonje ahike Riha; miaro ty lohako amy ty andro ty aly Riha.
[8]Ry Yaveh, ka mamale ty fagniria ty raty fagnahy; lonike tsy hanjare ty dini-drate iareo. Sela[9]Reo ze magnodidy
ahike le mampiandra ty lohane; lonike fialogna iareo avao ro hanaro ty sogne iareo. [10]Lonike hisy vain'afo
hilatseke eo amy iareo; ampitsiho ao agnate afo iareo, le ao amy y lavake tsy hisake fiafara, le tsy hirene sase.
[11]Lonike ty ndaty mahay vava tsy hanamboatse fitoera amy ty tane; lonike ty loza hitakosike ty rate fagnahy mba
hamonoa aze ho mate.[12]Hainao te hitsara ty mijale amy ty indrafo Yaveh, vaho hagnomey rarene iareo tsy mana.
[13]Azo antoke te ty ndaty-marene le hisaotse ty agnaranao; hiay amy ty fagnatrehanao reo ndaty mahity.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 141Salamo natao ndre Davida.

[1]Ry Yaveh, mitaray Aminao raho; malaky ho amiko atoy. Njanjigno raho laha mikaike Anao. [2]Lonike ty fivavako
ho manahake ty liten-ketae magnitse eo agnatrehanao; lonike ho mahanake ty soro hariva ty fananondrotako ty
tagnako.[3]Ry Yaveh, asio mpiambe eo amy ty vavako; ambeno ty varavara ty sogniko. [4]Ka enga hagniry zaka-rate
ty arofoko na handary anjara amy ty faharatia miarake amy ty ndaty fitondra tegna ho rate. Ka enga hihina reo
hane soa iareo raho[5]Ampoho ty ndaty-marene hamofoke ahike; te ho fahalemem-pagnahy amiko zane. Lonike
hagnitse ahike reke; ho manahake ty menake eo amy ty lohako zane; lonike ty lohako tsy handietse te hanaike
zane. [6]Te ty fivavako le manohitse ty asa rate iareo zisikam-parane.Hapitsike bak'egne amy ty farane ambone ty
lavake reo mpitarike aiereo; ho heno iareo te ty tsarako le mahasoa. [7]Le hitalily iareo tihoe: " manahake ty ndaty
miasa naho mialy ty baibo, le fa voaparitake tagne am-bava ty fiaignann-tsy hisake ty taolanay."[8]Aminao vatane
ty masoko, ry Yaveh, tompo; ao Aminao ro hialofako; ka magnega ty fagnahiko tsy hisy mpiaro. [9]Arovo amy reo
fandrike ze nivela iareo mpanao rate. [10]Lonike ty rate fagnahy ho lavo amy ty aratone laha milay raho



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 142Maskila ndre Davida, laha tao agnate zohy reke; fivavaha.

1Amy ty feoko ro itaraignako famonjea amy Yaveh; amy ty feoko ro angatahako ty fagnakea Yaveh. 2Halatsako eo
agnoloane fitoreoko; talilieko amine reo fijaleako3Lafa agnate ty fagnahiko, le Riha mahay ty lalako. Amy ty lala
ze andehanako ro namonia iareo ty fandrike ho ahike. 4Mignente ty ankavanako raho vaho mahasike te tsy misy
ndaty midary ahike, tsy misy loake ho ahike; tsy misy ndaty mindary ty fiaignako. 5Nikaike mafe Anao raho, ry
Yaveh; le nanao tihoe: " Riha ro fitsolohako, Anjarako eo amy ty tane ty velo.6Njanjigno ty kaiko, te mijale loatse
raho; sarombaho amy ty mpagnenjeke ahike raho, te mafe noho raho iareo. 7 amboahy ao amy ty tragnomaieke ty
fagnahiko mba hahafahako magnomey fisaora ty agnaranao. Hivory magnodidy ahike ty ndaty-marene satria
Riha ro fa soa tamiko."

 

Chapter 143Salamo natao ndre Davida.

[1]Tsanagno ty fivavako, Yaveh; janogno reo fangatahako. Noho ty fahatokianao naho ty fahamarignanao, le
mamalea ahike! [2]Ko tsaray ty mpiasanao, satria eo amy ty fanjonao le tsy misy ndaty to.[3]nagnenjeke ty fagnahiko
ty fahavaloko; nagnenjeke ahike avao ambany ty tane re; nampitoetse ahike tao amy ty fadilova manahake reo
zay maty fa ela re. [4]Valake agnate ty fagnahiko; mamoe arofo raho.[5]Mahatiaro reo andro taolo raho;
mametsevetse reo asanao iaby raho; mametsevetse reo zaka-bitanao. [6]mamelatse ty tagnako ho Anao amy tyy
vavako raho; maran-drano Anao ty fagnahiko agne amy ty tane karakay. Sela[7]Malaky hamaly ahike, Yaveh o, te
rerake ty fagnahiko. Ko mamony ty vatanao amiko, laha tsy zane le ho lasa hanahake reo zay mizotso agne an-
davake raho. [8]Lonike ho henoko ty famindragn'arofonao amy ty maraindray, satria matoke anao raho. Atoro
ahike ty lala zay tokone handenako, te manondrotse ty fagnahiko aminao raho.[9]Avoto amy reo fahavaloko raho,
Yaveh; Lomay ho egne aminao raho soa hivony. [10]Ampianaro raho hanao ty sitraponao, te Andragnahareko Iriha.
Ty fagnahiko soa vantane hitarike ahike agne amy ty tane ty fahatia.[11]Ty Yaveh, noho ty amy ty agnaranao, tano
ty fahavelomako; amy ty fahitianao anmdeso miala amy ty fijalea ty fagnahiko. [12]Amy ty famindragn'arofonao
afaho reo fahavaloko vaho aravao reo fahavalo ty fiaiko iaby, te mpiasanao raho.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 144

[1]Ho antsay Yaveh, vatombeiko zay nampianatsy try tagnako ho amy ty aly vaho rambon-tagbnako ho amy ty aly.
[2]Iriha ro fagnekeko matoke naho fiarova mafe ho ahike, fiarova ambone ho ahike naho iaze mamonje ahike,
fiaroko naho fitsolohako, iaze mapizetsy reo firenena eo ambiniko.[3]Yaveh o, ino zay ndaty ro ho vambanao na ty
anaka ndaty ro dininao aze? [4]Manahake ty fofom-piay ty ndaty; manahake ty aloke mandalo reo androne.[5]Sokafo
ty lagnitse le mizotsoa, Yaveh; kasiho reo vohitse le ampanetroho. [6]Andefaso tsela-pahazava le aparitaho reo
fahavaloko; mitifira amy ty bala-kiditsinao le andeso mimpoly amy ty fifanjevogna iareo.[7]Antsagnano bak'agne
ambone ty tagnanao; avoto raho hiala amy reo rano maro, amy ty tagna reo ndaty hafa firenena. [8]Ty vava iareo
mirehake vande, vaho ty tagnane havana le fitake.[9]Hiantsa fiantsam-baovao ho Anao raho, Andragnahare o; amy
ty valiha tory folo ro hiantsako fiantsa ho Anao, [10]zay magnomey famonjea ho ahy reo mpanjaka, zay namonje
ahy ndre Davida mpiasanao tamy ty meso ty rate. [11]Avoto vaho afaho amy ty tagna reo ndaty hafa firenena raho.
Ty vava iareo mirehake vande vaho ty tagnane havana le fitake.[12]Hanahake reo hetae maroroke reo anandahinay
amy ty fahatanorane vaho reo anak'ampelanay hanahake ty vato fehizoro voasokitse, mitovy manahake reo zay
ao an-dapa. [13]Ty targno fagnajarianay ho feno ty karazam-bokatse iaby, vaho ty aondrenay hamokatse
agn'arivone naho agn'aline ao amy reo baibonay.[14]Le hanagn'anake maro reo aombinay. Tsy hisy ndaty hamake
reo fefy vatonay; tsy hisy sesi-tane vaho tsy hisy fitomagnia eo amy ty lalanay. [15]Voatahy ty ndaty zay mana ahy
zane fitahia zane; vototse ty ndaty zay mana ahy Yaveh ho Andragnaharine.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 145Salamo fintsa. Natao ndre Davida.

[1]Hanondrotse Anao raho, Andragnahareko, mpanjaka o; hankalza ty agnaranao raho zisikam-parane agne.
[2]hankalaza Anaoa san'andro raho; hiantsa ty agnaranao raho zisikam-parane agne. [3]Lehibey Yaveh vaho maeva
hantsay; tsy takatse ty say ty fahalehibeazane.[4]Ty taranake iaby hiantsa reo asanao amy zay mandimby aze naho
hitalily reo asanao mahere. [5]Hametsevetse ty laza ty hasinao naho reo asanao mahavere raho.[6]Hirehake mikasike
ty here ty hasoa reo asanao iareo, vaho hitalily ty habeinao raho. [7]Hitalily ty hamaro ty hasoanao iareo, vaho
hiantsa mikasike ty fahamarignanao.[8]Miferignay naho mpamindra-arofo Yaveh, tsy mora meloke vaho bey
famindram-po. [9]Soa amy ty iaby Yaveh; magnera ty asane iaby ty famonjeane.[10]Zay iaby namboarinao le
hagnomey fisaora ho Anao, Yaveh, reo azo antokinao hisaotse Anao. [11]Reo azo antokinao hitalily ty hasy ty
fanjakanao, vaho hitalily ty herenao iareo. [12]Hatoro iareo ty anagn'ondaty reo here ty asa ty Andragnahare naho
ty hasoa ty famirapirata ty fanjakane.[13]Ty fanjakanao le fanjaka maharitse zisikam-parane, vaho ty fanapahanao
le haharitse hatramy ty taranake iaby.[14]Yaveh magnampe zay iaby lavo vaho mampitsanga zay iaby miondrike.
[15]Ty maso ty iaby mimby Anao; homeinao aiero amy ty fotoa mete ty hanine. [16]Mamelatse ty tagnanao Iriha vaho
mahafapo ty fagniria ty zaka-mana-piay iaby.[17]To Yaveh amy ty lalane iaby vaho mpamindra arofo amy zay
ataone iaby. [18]Marinike zay iaby mikaike Aze Yaveh, amy zay iaby mikaike Aze amy ty fahamendreham-pitokia.
[19]Magnatanterake ty fagniria zay magnaja Aze Re; Mahaheno ty fitaraigna iareo Re vaho mamonje aiereo.
[20]Miamby zay iaby tea aze Yaveh te horavaine reo iaby rate fagnahy. [21]Hitalily fiantsa ahy Yaveh ty vavako; lonike
ty ondaty iaby hiantsa ty agnarane masy zisikam-parane agne.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 146

[1]Miantsà ahy Yaveh. Miantsà ahy Yaveh, ty fagnahiko. [2]Hagnomey fiantsa ho ahy Yaveh raho amy ty fiaignako
iaby; hiantsa fiantsa ho ahy ty Andragnahareko raho laha mboe miay kea.[3]Ko mametrake ty fitokianao amy reo
mpanjaka na ty ondaty, amy zay tsy misy famonjea. [4]Lafa mijano ty fofom-piay ty ndaty, le holy amy ty tane re;
amy zane andro zane ro tapitse ty fikasane.[5]Vototse zay mana ahy ty Andragnahare ndre Jakoba hagnampe aze,
zay mana fagnantegna ao amy Yaveh Andragnaharine. [6]Namboatse ty lagnitse naho ty tane Yaveh, ty ranomsy,
naho zay iaby ao amine; miamby fahamendreham-pitokisane zisikam-parane Re.[7]Magnantanterake fahamarigna
ho ahy ty nampihaly Re vaho magnomey hany ty kere. Magnafake ty gadra Yaveh; [8]manokatse ty maso ty goa
Yaveh; mananga zay miankohoke Yaveh; Yaveh tea ty ndaty marene.[9]Yaveh miaro ty bahine amy ty tane;
manonddrotse ty kamboty naho ty vantotse re, te manohitse ty rate fagnahy kea. [10]Hanjaka zisikam-parane
Yaveh, Andragnaharenao, ty Ziona, amy ty taranake iaby. Miantsà ahy Yaveh.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 147

[1]Miantsà ahy Yaveh, te soa ty miantsa fiantsa ahy ty Andragnaharetika, mahafinaritse zane, vaho mete ty
miantsa.[2]Managa ahy ndre Jerosalema ndraike Yaveh, mampikamba ty vahoagn'Israely niele Re. [3]Magnafake ty
torotoro arofo re vaho mamehe ty fere iareo.[4]Magnisake reo vasia re, vaho magnomey agnara aze iaby. [5]Lehibey
ty Andragnaharetike vaho mahavere ty herene, ty fahazavan-tsay tsy azo rafesy.[6]Manondrotse ty mijale Yaveh,
vaho magnambane ty rate fagnahy amy ty tane. [7]Miantsa ho ahy Yaveh amy ty fisaora, miantsà fiantsa amy ty
lokanga ho ahy ty Andragnaharetika.[8]Manaro ty lagnitse amy reo hiboke Re vaho magnoma rano ty ora ho ahy ty
tane, mampatiry ty ankata amy reo vahotse. [9]Magnomey hane ho ahy reo biby Re vaho ahy reo goaike tanora lafa
mitaray rey[10]Tsy mahisake fitea eo amy ty here ty soavale re, tsy mahazo fafinareta amy ty tanjake ty tomboky ty
ndaty Re. [11]Yaveh le tea reo zay magnaja aze, zay magnantegna ty famindragn'arofone.[12]Miantsà ahy Yaveh,
Jerosalema miantsà ahy ty Andragnaharenao, ty Ziona. [13]Te magnamafy ty hilim-bavahadinao Re, mitahy reo
anakao eo aminao re. [14]Manday fagnambina ao agnate reo fare-tanenao Re, mahafapo anao amy ty vare tritrike
soa Re.[15]Mandefa ty liline eo amy ty tane Re, ty liline lomailomay mafe. [16]Manao ty oram-panala hanahake ty volo
ty aondre Re, mampiele ty fanala manahake ty lavenoke re.[17]Mizara ty havandra manahake ty poti-draraha Re, ia
ro hahazaka ty tsitsy halefane? [18]Mandefa reo liline Re vaho mandeteke zane, mampitioke ty tioke vaho
mampandeha ty rano re.[19]Nataliline amy ndre Jakoba ty tsarane, ty liline naho reo lalàgna marene amy ty Israely.
[20]Tsy nanao manahake zane tamy ty firenen-kafa re, vaho ty amy reo liline, le tsy hay iareo zane. MIantsa ahy
Yaveh.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 148

[1]Miantsà ahy Yaveh. Miantsà ahy Yaveh, nareo agne an-dagnitse; miantsà Aze, nareo agne amy ty ambone.
[2]Miantsà Aze, ty miaramilane iaby.[3]Miantsà Aze, ty masoandro amam-bola; miantsà Aze, ty vasia mamiratse iaby.
[4]Miantsà Aze, ty ambone loatse amy ty lagnitse vaho nareo rano zay egne ambany ty habakabake.[5]Lonike hiantsa
agnara Yaveh reo, te Reke ro nagnaomey ty lily, vaho le nihinarine reo. [6]Nampitoetse aiereo zisikam-parane agne
Re; Nomeine lalàgna reo le tsy hiova sase.[7]Miantsà Aze etoy an-tane, nareo drango naho lalike ty ranomasimbey
iaby, [8]ty afo naho havandra, ty oram-panala naho ty zavo, ty tioke-mahere magnatanterake ty tsarane.[9]Miantsà
Aze, ty vohitse naho havoa iaby, ty hetae mamoa naho sedera iaby, [10]ty bibily naho ty voafolake, reo zaka-manam-
piay zay malaly vaho reo voro-mitily.[11]Miantsà ahy Yaveh, ty mpanjaka ty tane naho ty firenena iaby, ty mpanjaka
naho zay manapake eo amy ty tane, [12]ty pamaraky naho somondra, ty antitse naho ty tanora.[13]Lonike hiantsa ty
agnara Yaveh reo, te ty agnarane arere avao ro asondrotse vaho ty hasine hihitatse amy ty tane naho ty lagnitse.
[14]Fa nanondrotse ty tsifane ty ndatine ho fiantsa ho ahy ty ndatine ho fiantsa ho ahy ty ndatine azo antoke Re, le
ty Israelita, iaze vahoake marinike Aze. Miantsà ahy Yaveh.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 149

[1]Miantsà ahy Yaveh. Miantsà fiantsam-bapvao ho ahy Yaveh; miantsà fiantsa ho Aze ao amy ty fiangona reo ndaty
azo antoko.[2]Lonike ty Israely hifale amy iaze nanao aiereo; lonike ty ndaty ndre Ziona hiufale amy ty mpanjaka
iareo. [3]Lonike iareo hiantsa ty agnarane amy ty sijake lonike iareo hiantsa fiantsa ho aze amy ty langorotapake
naho harpa.[4]Te Yaveh le tea ty ndatine mankalaza ty mpagnambane tegna amy ty famonjea Re. [5]Lonike ty ndaty
masy hifale amy ty fandresea; lonike hiantsa fifalea ao am-pandreane iareo.[6]Ho amy ty vava iareo ty fiantsa ahy
ty Andragnahare vaho ty meso roe lela ho eo an-tagnane [7]soa hagnatanteraha valifate amy reo firenena maro
naho fihetsike mandilo ty ndaty.[8]Handrohy ty mpanjakane amy ty silisily iareo vaho ty manan-kaja amy ty silisily.
[9]Hampihatse ty fitsara zay voasoratse iareo. Zane le ho hasy ho ahy ty ndatine azo antoke iaby. Miantsà ahy
Yaveh.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 15Salamo natao ndre Davida.

[1]Yaveh, ia moa ro afake hijano ao amy ty tabernakilano? Ia ro afake hitoboke eo am-bohitsao masy? [2]Le reo iaby
mandeha tsy misy tsikone, manao ze marene, vaho mirehake ty marene amy ty arofone.[3]Tsy manaresere amy ty
lelane re, tsy magnisy rate ty hafa re, vaho tsy mandraterate ty ramane reke.[4]Ty ndaty rate le ho tsy asia dikagne
eo amasone, te hagnomey hase reo ze maatahotse ahy Yave re. Mifanta amy reo fahavoazane vaho tsy
hampimpole reo fampagnantegnane re. [5]Tsy mangalake tombone re lafa mampitrosan-drala. Tsy mandrambe
ankiatragnoatragno soa hitsangana vavolombelo hanohera ty tsy manan-tsikone re. Reke ze manao reo raraha
reo le tsy ho voahozohozo zisikam-parane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 150

[1]Miantsà ahy Yaveh. Miantsà ahy ty Anadragnahare ao amy ty fitobohane masy; miantsà Aze egne amy ty
habakabake mahere. [2]Miantsà aze amy ty asane mahere, miantsà aze amy ty halehibeine losotse loatse[3]Miantsà
Aze amy ty fitofa anjomara; miantsà Aze amy ty lokanga naho ty harpa. [4]Miantsà Aze amy ty langorotapake naho
sijake; miantsà Aze amy ty valiha naho ty sody. [5]Miantsà Aze amy ty kipantsona magneno; miantsà Aze amy ty feo
mafy ty kipantsona magneno.[6]Lonike ze manam-piay iaby hiantsa ahy Yaveh. Miantsà ahy Yaveh.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 16Salamo nisorata ndre Davida.

[1]Arovo raho, Yaveh, te mivio ao aminao raho. [2]Nanao tihoe raho tamy Yaveh: " Riha ro tompoko; tsy soa anagnako
ankoatse Anao. [3]Laha ty amy reo ndaty mase etoy an-tane, maeva haja iareo, ty fisaorako iaby le ho amy iareo.[4]Ho
ampitomboe ty fahoria reoze mipay andragnahare hafa. tsy soa handrarake antihena amy reo andragnahare
iareo raho na hanondrotse ty agnara iareo amy ty sogniko.[5]Ry Yaveh, Riha ro anjara voafiliko naho kapoako. Riha
ro mitanjake ty anjarako. [6]Eo amy reo tane soasoa ro misy ty voafaritse ho ahike; ahike vatane ty lova soa.
[7]Hisaotse ahy Yaveh, ze manoro hevetse ahike raho; Eka na le amy ty halike ka le mampianatse ahike ty saiko.
[8]Hataoko eo agnoloako zisikam-parane Yaveh, mba tsy ho voahozohozo eo an-tagnan-kavanane raho![9]Noho zane
le fale ty arofoko; ravoravo ty fagnahiko. Hiay am-pilamigna vatane raho. [10]Satri tsy hapipoke ty fagnahiko ho
agne amy ty fiaigna tsy hisake Reke. Tsy hapipoke iaze azo antokinao hahisake ty lavake riha.[11]Nampianarinao
ahike ty lalagna ty fiaigna; hafaleam-bey ty eo agnatrehanao; fahafinareta ty mitoetse eo an-tagnan-kavananao
zisikam-parane!"

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 17Vavake natao ndre Davida. Mihenoa ty fangatahako ty hitine, Yaveh;

[1]heno ty kaike vonjeko! Atongilagno amy ty fivavahako bak'amy ty sogneko tsy misy fitake ty rambianao. [2]Lonike
ho bak'eo agnatrehanao ty fitsara ahike; lonike ty masonao hivamba ty hitine![3]Laha mizaha toetse ty arofoko
Iriha, laha avy amiko amy ty halike Iriha, le hagnaligno ahike Iriha vaho tsy hahisakesafiry rate; tsyhanao rate ty
vavako.[4]Ty amy ty asa ty ndaty, le tamy ty tsara ty fimpelikao ro niambenako ty vatako tamy ty lala ty mpandika
lalàgna. [5]Ty liako le mafe ore teo amy ty lalagnao, vaho lavo ty tomboko.[6]Mikaike Anao raho, Te mamale ahike
Iriha Andragnahare; atongilagno amiko ty ravimbianao vaho mihenoa lafa mirehake raho. [7]Asehoy amy ty fomba
mahavere ty tsy fivaliham-pagnekenao,. Iriha ze mamonje reo ze mitsoloke aminao amy ty alala ty tagnan-
kavanano amy ty fahavalo iareo![8]Arovo manahake ty anake tokonao raho; avonio ao ambane aloke ty elatsao
[9]amy ty fagnatreha reo rate fagnahe ze mamofoke ahike raho, le reo fahavaloko ze magnodidy ahike.[10] Tsy mana
famindragn'arofo na amin'ia na amin'ia iareo; ty vava iareo le mirehake ampiavogna.[11]Magnodide ty lalako iareo.
magnete ty maso iareo mba handavo ahike amy ty tane. [12]Iareo le manahake ty liona te handrotarota mafe,
manahke ty lione tanora magnitsake amy eo toera filiera.[13]Mitsangàna, Yaveh! Tafiho iareo! Afofoho amy ty tane
vata iareo! Avoto tsy ho azo ty rate fagnahe amy ty alala ty mesonao ty fiaiko! [14]avoto amy ty ndaty amy ty alala ty
tagnanao raho, Yaveh, amy ty ndaty zao tontolo zao ze amy toy fiaigna toy avao ro anjarane! Hameno hanagna ty
trogn'reo lafovilinao Iriha; hana taranake maro iareo vaho hamela ty hanagna ho ahy ty taragnane.[15]Te iraho kea,
le hahisake ty vatagnao amy ty fahamarigna; ho afa-po, amy ty fivamba anao raho, lafa mifoha.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 18

[1]Ho ahy ty mpgnonja antsa. Salamo natao ndre Davida, iaze mpiasa Yaveh, lafa niantsa ho ahy Yaveh ty togno toy
antsa toy tamy ty andro namonje Yaveh azy tegne an-tagna reo fahavalone iaby naho tegne an-tagna ndre saoly
re. Niantsa re tihoe: "Teako Iriha, Yaveh, hereko.[2]Yaveh ro harambatako, fiarova mafeko, zay manday fiaravo ho
ahike; Re ro Andragnahareko; harambatoko, mitsoloke ao Amine raho. Reke ro fiaroko, tsifa ty famonjeako, naho
fiarova mafe ho ahike. [3]Hikaike ahy Yaveh zay maeva ho antsay raho, vaho ho voasarombake amy reo fahavaloko
raho.[4]Namatotse ahike reo taly ty fahafatesa, vaho reo onja ty faharatia ro nandeteke ahike. [5]Mamehy ahike reo
taly ty fiaigna-tsy hisake; namandreke ahike ty fandreke ty fahafatesa.[6]Nikaike ahy Yaveh raho tao agnate ty
fijalea; nikaike vonje tamy ty Andragnahareko raho. Tsanoko ty feoko bak'ao amy ty tempoline; ty vonjiko le ho
avy teo agnatrehane; avy tao amy ty rambiane zane.[7]Vaho nititike naho nihorohoro ty tane; nihorohoro naho
nitititike avao kea ty foto reo vohitse satria masiake Andragnahare. [8]Niakatse ty setroke bak'ao amy ty
lavakorone, vaho afo milelalela ro niboake ty vavane. Nirehitse tamy zane ty baek'afo.[9]Nitraka ty lagnitse vaho
nizotso re, vaho teo ambany ty tombone ty ieke matevy, [10]Nijo kerobima Re vaho nizotso; nisosa tegne amy ty ela
ty rivotse Re.[11]Nataone ajomba lay nagnodidy aze ty ieke, reo hiboke-mainte tegne an-dagnitse. [12]Nilatsake
bak'egne amy ty tselatse teo agnoloane ty havandra naho baek'afo.[13]Nangotroke tegne an-dagnitse Yaveh! Nikoike
ty feo Ambone Loatse. [14]Nandefa ty bala-kiditsine re vaho nampibognake re fahavolone; helatse maro ro
nampibognake aiereo.[15]Bak'eo le niboake vovon-drano; reo fagnambane zao tontolo zao le niboake tamy ty
koikem-pialianao, Yaveh-tamy ty fipoake ty fofom-piay ty lavakoronao.[16]Nananga ty tagnane bak'agne ambone Re;
nandrambe ahike Re! Nisinto ahike bak'ao amy ty rano manonja Re. [17]Nagnavotse ahike tamy ty fahavaloko
matanjake Re, tamy reo zay nalay ahike, satria mafe loatse ho ahike iareo.[18]Avy nanohitse ahike iareo tamy ty
androm-pinjaleako te Yaveh ro nanoha ahike! [19]Nagnafake ahike tegne amy ty toera malalake Re; nanarombake
ahike Re satria nahafinaritse Aze raho.[20]Nognomey ahike Yaveh noho ty hatoko; mandrene ahike Re satria nalio
ty tagnako. [21]Te iraho fa niamby reo lily Yaveh vaho tsy nivalike rate fagnahy tamy ty andragnahareko.[22]Te fa teo
agnoloako reo lalàgnane marene iaby; laha ty amy reo liline, le mboe tsy nivalike tamy reo raho. [23]Iraho avao kea
le tsy nanan-tsine teo agnatrehane, vaho niamby ty vatako tamy ty faharatea raho. [24]Noho zane le namelo ahike
ndraike Yaveh noho ty fahamarignako, satria nalio teo amy ty fanjone ty vatako.[25]Zay matoky, le ampesehoanao
fahatokia; ty ndaty zay tsy misy tsikone, le ampisehoanao tsy fanagnan-tsikone. [26]Ty ndaty zay malio, le
ampisehoanao fahaliova; te iraho le mahira-tsay amy zay rate fagnahy.[27]Te Iraho manarombake reo ndaty mijaly,
vaho magnambane reo zay mirengerenge! magnazava [28]Te Iraha mamelo ty jiriko; magnazava ty ieko YAveh
Andragnahreko. [29]Te amy ty alalagnao ro ahazahoako milailay ambone ty saka amy ty alala ty andragnahareko ro
ahazahoako mandika rindry[30]Laha ty amy ty Andragnahare: le soa ty lalane. Ty tsara Yaveh le malio! Fiarova zay
iaby mitsoloke ao amine Re. [31]Te ia ro Andragnahare ankoatsy Yaveh? Te ia ro harambato ankoatse Yaveh?
[32]Andragnahare ro mametrake here amiko manahake ty satira, zay mametrake ty ndaty misy tsikone eo amy ty
lalane.[33]Ataone malake fandeha manahake ty diera ty tombone vaho mametrake ahike egne amy reo toera
ambone! [34]Magnazatse ty vatako ho amy ty aly re vaho ty sandriko hamoritse ty bala-kiditse saba.[35]Fa nomeinao
ahike ty fiaro ty famonjeanao. Fa nanoha ahike ty vatanao ankavana, vaho ty fiteanao le naha-lwehibey ahike.
[36]Fa namboatse toera malalake eo ambaniko ho ahy ty tomboko Iriha soa tys hampidorisatse ty tomboko.[37]Nagnia
reo fahavaloko raho vaho nahatratse aiereo; tsy nimpoly raho zisike-paharava aiereo. [38]Nopotehiko iareo soa tsy
ahazahoane mirene; fa lavo tao ambany ty tomboko iareo. [39]Te iriha nametrake here tamiko manahake ty satira
ho amy ty aly; nataoanao ambaniko reo zay nitsanga hanohihtse ahike.[40]Nampiamboho ty vozo reo fahavaloko ho
ahike Iriha; naravako reo zayu nalay ahike. [41]Nikaike sarombake iareo, feie tsy nisy nanarombake aiereo; nikaike
ahy Yaveh iareo. feie tsy nivaliane. [42]Nitorotoroako malinike manahake ty leboke agnoloa ty tioke iareo; nariako
manahake ty fotakje agne an-dala iareo.[43]Nagnavotse ahike tamy ty fifamalia ty ndaty iriha. Nataonao loha reo
firenena raho. Miasa ahike reo ndaty tsy haintso. [44]Laha vao naheno ahike iareo, le nagnina ahike; voatere
nihohoke teo agnatrehako reo mpibahiny. [45]Avy tao amy ty tahotse bak'ao amy ty fiarova mafy iareo ty
mpimbahiny.[46]Velo Yaveh; ho antsay vantae ty orimbatoko. Ho asondrotse vanate ty Andragnahare ty famonjea.
[47]Re iaze Andragnahare zay namale faty ho ahike, zay nagnomey reo firenena ho ambaniko.[48]Afake tamy reo
fahavaloko raho! Eka vantane, nampiakarinao ambony reo zay nitsanga hanohitse ahike! Navotanao tamy reo
lehilahy mahere fihetsike raho. [49]Noho zane le tsy hagnomey fisaora ho anao, amy reo firenena raho, Yaveh;
hiantsa fiantsa ho ahy ty agnaranao raho![50]Andragnahare le nagnomey fandresea lehibey ho ahy ty mpanjakane,
vaho nampiseho ty fifagninam-pitokia tamy iaze voahosone, tamy ndre Davida naho reo taranagne zisikam-
parane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 19Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo natao ndre Davida.

[1]Ty lagnitse magnambara ty hase ty Andragnahare, vaho ty habakabake mahay ty asa ty tagnane! [2]San'andro
san'andro le mipolololotse ty tsarane; sake hale le mitalily fahalala zane. [3]Tsy misy fadaharan-drehake na tsara
voatalily; tse heno ty feo iareo.[4]Fa niboake nagnera ty tane iaby ty tsara iareo, vaho agne am-para ty tane ty
fandaran-drehaky iareo. Fanampitsanga lay ho ahy ty masoandro teo amy reo Re. [5]Ty masoandro le manahake ty
mpmpakatse miboake bak'ao amy ty efitragnone vaho manahake ty lehilehy mahere ze mifale lafa manao ty
filailaine. [6]Miboake bak'agne amy ty fara ty fory ty lagnitse raike ty masoandro vaho mamavakivaky ty
habakabaka ho agne amy ty raike hafa; tsy misy zaka afake milay ty hafanane.[7]Avy soa ty lalà yaveh, mandreny
ty fagnahy; azo; antoke ty tsara vavolombelo Yaveh, maha-hendre ty tsotra. [8]Mahity ty fampianara Yaveh;
mampifalefale ty arofo; malio ty lily Yaveh, manday fahazava ho ahy ty maso.[9]Malio ty tahotse ahy Yaveh,
maharitse zisikam-parane; marene sade mahity iaby reo lily amrene Yaveh! [10]Lafovily mihoatse noho ty
volamena zane, eka mihoatse ty volamena vatagne soa ka; mamy noho ty tantale naho ty tantanle mitete
bak'amy ty lavan-tantale zane.[11]Eka, amy ty alala zane ro hampiambena ty mpiasanao; te hisy valesoa befoloay
amy ty fagnina zane. [12]Ia ro afake mahay reo fahadisoane iaby? Liovo amy reo heloke mivone raho.[13]Ambeno ty
mpiasanareo tsy ho azo ty faharatea mahasakisaky; ko ampoke hanapake ahy reo. Le ho avy soa raho, vaho tsy
hisy tsikone amy ty fandikan-dily maro. [14]Ho ina eo amasonao vatagne reo tsava ty vavako naho reo safiry ty
arofoko, Yaveh, vatobeiko naho mpagnavotsiko.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 20Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo natao ndre Davida.

[1]hagnampe anao amy ty androm-pinjalea vatane Yaveh; ty agnar'Andragnahare ndre Jakoba vatane hiaro anao
[2]vaho handefa fagnampea bak'amy ty toera masy soa hanoha anao bak'ao Ziona.[3]ho tiarone vatane reo
fagnatitsinao iaby vaho ho ekene vatane ty soronao oroa. Sela [4]Hagnomea anao ze iry ty arofonao vatane reke
vaho Hagnatanterake reo safirinao iaby.[5]Le hifale amy ty fandreseanao zahay, vaho amy ty
agnar'Andragnaharenay, ro hampitsangananay fagneva. Hagnomea ze fangatahanao iaby vatane Yaveh. [6]Hainao
amy henanezao te hagnavotse ty ndaty voahosone Yav eh ; hamale aze bak'agne an-gnilane mase amy ty here ty
tagnane havana ze afake magnavotse aze Reke.[7] Ty sasane mifatoke amy ty sarety vaho ty hafa amy ty soavaly, te
zahay le nikaike ahy Yaveh Andragnaharenay. [8]Ho andese mizotso iareo le ho lavo, te itika le hirene vaho
hitsanga mahite![9]Yaveh, Vonjepo ty mpanjaka; ampeo zahay laha mikaike.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 21

[1]Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo natao ndre Davida. Mifale amy ty herenao ty mpnjaka, Yaveh! Akore ty
halehibey ty fifaleane amy ty famonjea nomeinao! [2]Nomeinao aze ty fagniria ty arofone vaho tsy nilierenao ty
fangataha ty sognine. sela[3]Te manday fitahia bey ho aze riha; nampipoke samban-kasy volamena malio loatse an-
dohane Riha. [4]nangatake fiay taminao re; le nomeinao aze zane; nomeinao andro maro zisikam-parane re.
[5]Befoloay noho ty fandreseanao ty hasine; fanagnomey famirapirata naho ty hasy ho aze Iriha. [6]Te magnomey
antoke fitahia maharitse ho aze Riha; mampifalefale aze amy ty fifalea ty fagnatrehanao Iriha.[7]Te matoke ahy
Yaveh ty mpanjaka; amy ty alala ty fagneke matoke ty Ambo loatse ro tsy hangala aze. [8]Hisambotse reo
fahavalonao iaby ty tagnanao; hisambotse reo ze malay anao ty tagnanao havana.[9]Amy ty fotoa ty fasikinao, le
hagnoro aiereo ao amy ty laforo mirehitse Iriha. [10]Handrava aiereo ao amy ty fasikine Yaveh, vaho handrava
aiereo ty afo. Hamotike ty anagn'iareo amy ty tane naho taragn'iareo eo agnivo ty ndaty Iriha.[11]Te nisafiry hagnisy
rate anao iareo; nandindineke hevendrate ze tsy hahasoa iareo! [12]Te hampiamboho aiereo Iriha; hampiboake ty
kiditsinao eo agnoloa iareo riha.[13] Misondrota, Yaveh, amy ty herenao; hiantsa ty herenao zahay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 22Ho ahy ty mpagnonja antsa; natao tamy ty "Gado ty Diera." Salamo natao ndre Davida.

1Andragnaharo o, Andragnaharo o, nanaoa akore ro nagnenga ahiky Iriha? Nanao akore ro lavitsy loatse amy ty
famonjea ahike Iriha vaho lavitsy amy reo tsara ty fangirifiriako? 2Andragnaharo o, nitoreo taminao raho ty
ataondro, feie tsy nivaleanao, vaho ty halike le tsy nitsy raho!3Feie masy Iriha; mitoboha manahake ty mpanjka
amy ty fiantsa ty Israely Iriha. 4Natoky Anao reo razambeinay; natoke Anao iareo, le nivonjeanao. 5Nitoreo
taminao iareo nivonjeanao. Natoky Anao iareo le tsy diso fagnantegna.6Feie maike raho te tsy mba ndaty,
fahasalara ho ahy ty ondaty vaho natao ty ndaty tsy misy dikane. 7Reo iaby zay mahisake ahiike le mirehake rate
ahike; araty iareo raho; vaho miolignoli-doha amiko iareo. 8Zata ty nata iareo: "Matoky ahy Yaveh re; lonike
hagnavotse aze Yaveh. Lonike Re hagnavotse aze, te teane re."9Te iriha ro naday ahike bak'ao an-troke; nataonao
matoky Anao raho laha mboe teo agn'aragnan-dreneko. 10Natorake taminao hatragne an-troke raho; Iriha ro
Andragnahareko hatramy ty iraho tao an-tron-dreneko!11Ko magnalavitse ahike, te marine ty fijalea; tsy misy
ndaty hagnampy ahike. 12Magnodidy ahike ty aombelahy lahialy, magnodidy ahike ty aombelahy masiaky ty
Basana. 13Hampitagnatagna ty vavane amiko manahake ty liona mitro mangnapake ty filane reo.14Naily
manahake ty rano raho, vaho nipitsike ty taolako iaby. Manahake ty savoka ty arofoko; feno ao ampoko zane.
15maike manahake ty valagny tane ty hereko; mipitike amy ty lagnilagniko ty lelako. Nampandre ahike teo amy ty
lemboke ty fahafatesa Iriha.16Te nagnodidy ahike ty halike; fa mihodidy ahike ty fikambana ty mpanao rate;
niloahy iareo ty tagnako naho ty tomboko. 17Voaisako ty ty taolako iaby. Magnate naho nandinike ahike Iareo.
18Nizaray iareo teo amine reo fisikinako; niloka iareo ty akannjoko. 19Ko magnalavitse ahike, Yaveh; malaky
ragnandria hagnavotse ahike, hereko!20Avoto amy ty meso ty fagnahiko, ty mba fiaignako amy ty antoko amboaly.
21Vonjeo amy ty vava ty lipna raho; navoto amy ty tsifa ty aombily raho.22Hitalily ty agnaranao amy reo rahalahiko
raho; eo agnivo ty fiangona ro hiantsako Anao. 23Nareo zay matahotse ahy Yaveh, miderà Aze! Nareo tarana ndre
Jakoba iaby, magnomeza hasy Aze! Mitsangana am-piveregna Amine, nareo taranagn'Israely iaby.24Tsy nanao tsy
misy dikane na nalay ty fijalea ndaty mijale Re; tsy namony ty vantane tammine Yaveh; laha nitoreo tamine iaze
ndaty mijale le nahaheno Re. 25Ty fiantsako le ho noho Iriha ao am-piangona befoloay; hagnatanterake reo
sarekeko agnoloa reo zay matahotse Aze raho.26Ny mijale le hikoike ho afa-po; reo zay mipay ahy Yaveh hiantsa
Aze. Ho velo zisikam-parane vantae ty arofonareo. 27Hahatiaro vaho himpoly amy Yaveh reo vahoake iaby amy ty
tane; handohalike eo agnatreahanao reo longom-pirenena iaby.28Te ahy Yaveh ty fanjaka; Re ro mpanapake reo
firenena. 29Ty ndaty mpanan-karena iaby le hiravoravo naho hiantsa; handohalike eo agnatrehanao reo iaby zay
holy lemboke, reo zay tsy afake miaro ty fiay iareo.30Ty taranake ho avy le hanompo Aze, hitalily amy ty taranake
magnarake ty amy ty Tompo iareo. 31Ho avy iareo vaho hitalily ty fahamarignane; hitalily amy ty ndaty tsy terake
zay fa nataone iareo!



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 23Salamo natao ndre Davida.

1 Yaveh ro mpiamby ahike; tsy hana-jaka mampijaly raho. 2 Mampandre ahike amy ty akata maitso Re; mitarike
ahike amy sisy ty rano fitofa Re. 3 Mampimpoly ty fiaiko Re; mitarike ahike agne amy ty lala-marine noho amy ty
agnarane Re. 4 Na le mandeha mamaky ty vavabaibo aloky ty fahafatesa aza raho, le tsy hatahotse loza te miaro
ahike Iriha; ty ratsa-ketaenao naho ty fitognonao ro mahafake tahotse ahike. 5 Magnomana latabatse eo agnoloako
eo agnatrea ha reo fahavaloko Iriha; fa nagnosotse menake ty lohako Iriha; ty kapoakako le feno mihoatse.
6 fahatsara ty fagnina matoke vantae hagnarake ahike amy ty androm-piaignako iaby; vaho hitoboke ao
agn'ajomba Yaveh agnate ty fotoa ela raho!

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 24Salamo natao ndre Davida.

1 Ahy Yaveh ty tane, naho zay mameno aze, zao tontolo zao, naho zay iaby mitoboke ao. 2 Te fa hisane teo ambony
reo ranomasy zane vaho naorine teo amy reo vavarano. 3 Ia ro hiakatse amy ty vohitse yaveh? Ia ro hitsanga ao
amy ty toerane masy? 4 Re zay mana tagna malio: zay tsy nanondrotse vande, vaho tsy nifanta soa hamitaha.
5 Handrambe fitahia bak'amy Yaveh re vaho fahamarigna bak'amy ty Andragnahare ty famonjea aze. 6 Manahake
zane ro taranagny reo zay mipay Aze, reo zay mipay ty tarehy ty Andragnahare ndre Jakoba. Sela 7 Andrandrao ty
lohanareo, nareo ty vavahade; misondrotse, ty varavara zisikam-parane, soa hiziliha ty Mpanjaka ty hasy! 8 Ia ro
Mpanjaka ty hasy? Yaveh, matanjake naho mahere; Yaveh, mahere amy ty aly. 9 Asandroto ty lohanareo, nareo ty
vavahade misondrota, ty varavara zisikam-parane, soa hiziliha ty Mpanjaka ty hasy! 10 Ia ro Mpanjaka ty hasy?
Yaveh Tompo ty maro, Re ro Mpanjaka ty hasy. Sela



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 25Salamo natao ndre Davida.

[1]Ho anao, Yaveh, ro anondrotako ty fiaiko! [2]Andragnahareko o, matoky Anao raho. Ko apoke ho magnetse raho;
ko apoke hifale amim-pandresea amiko repo fahavaloko. [3]Tsy hisy ho salatse vantae ty ndaty zay magnantena
Anao, reo ho megnatse reo zay mamitake tsy amy ty tsy misy dikane![4]Atoro ahike reo lalanao, Yaveh; ampianaro
ahike reo lalanao. [5]Tariho ho ao amy ty fahamarignanao raho vaho ampianaro, te Iriha ro Andragnahare ty
famonjea ahike; magnantsegna Anao agnate ty andro raho.[6]Tiarovo, yaveh, reo asa fangorahanao naho fagninao
aza aza antoke; te fa nisy zisikam-parane reo. [7]Ko mihevitse reo faharatiako; Tiarovo amy ty fagnina azo antoke
noho ty hasoanao raho, Yaveh![8]Soa naho mahity Yaveh; le mampianatse reo mpanao raty ty lalagna Re. [9]Mitarike
ty magnetry vantae amy zay marine Re vaho mampianatse aiereo ty lalane.[10]Reo lala Yaveh iaby le fitiava
maharitse naho fahatokia ho ahy reo zay miamby ty fagninane naho reo liline mafe. [11]Te noho ty agnaranao,
Yaveh, le mamelà ty heloko, te lehibey zane.[12]Ia ro ndaty matahotse ahy Yaveh? Ty Tompo ro hanoro naze tyb lala
zay tokone hosafiline. [13]Ty fiaignane le ho ao amy ty hasoa; vaho reo taranagne handova ty tane.[14]Ty firagnita amy
Yaveh le ho ahy reo zay magnomey hasy Aze, vaho mampahafantatse ty fagninane amy iareo Re. [15]Amy Yaveh
zisikam-parane ty masoko, le hanafake ty tomboko amy ty harato Re. [16]Mitoliha amiko vaho mamindra arofo
amiko; te arere naho mijale raho.[17]Mihitatse reo fahoria ty arofoko; afaho ao amy ty fahoriako raho! [18]vambao ty
fijaleako naho reo fisasarako; mamelà ty faharatiako iaby. [19]Jereo reo fahavaloko, te maro iareo; malay ahike amy
ty falaingna lozabey iareo.[20]Arovo ty fiaiko le avoto raho; ko apoko ho magnatse raho, te mitsoloke Aminao!
[21]Hiaro ahike vantae ty tsy fivadiha naho ty fahitia, te magnantegna Anao raho.[22]Avoto amy ty fijalea iaby ty
Israely, Andragnahare o!



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 26Salamo natao ndre Davida.

1Tsarao raho, Yaveh, te nandeha tamim-pahitia raho; natoke ahy Yaveh tsy tamim-pisalasala raho. 2Dineho raho,
Yaveh, vaho andramo toetse raho; andramo toetse ty fahadiova ty ato agnateko naho arofoko! 3Te ty fagnekenao
azo antoke ro magnoloa ty masoko, vaho mandeha eo amy ty fahatokianao raho.4Tsy mikamba amy reo ndaty
mpamitake raho, nma miharoharo amy reo ndaty tsy marene, 5Halako ty fiangona reo mpanao rate, vaho tsy
miarake-mitoboke amy ty rate fagnahe raho.6Manasa ty tagnako amy ty tsy fanagnan-tsine raho, vaho mandeha
magnodid ty alitaranao, Yaveh, 7soa hiantsa fiantsa mafe naho hitalile ty asanao mahavere iaby. 8Yaveh, Teako ty
anjomba ze hitoeranao, ty toera ze itoera ty voninahitsao!9Ka mandrava ahike miarake amy reo mpanao rate, na
ty fiaiko miarake amy reo ndaty tea lio, 10eo an-tagna reo ze misy tetike rate, vaho eo amyzane feno
kiatragnoatragno ty tagnane ankavana.11Te iraho kea handeha amy ty fahitia raho; avoto raho vaho mamindrà
arofo amiko. 12Te Mitsanga eo amy ty tane marene reo tombonao; eo may reo fiangona ro hiantsako ahy Yaveh!

Chapter 27Salamo natao ndre Davida.

[1]Yaveh ro fahazavako naho famonjeko; ia ro hatahorako? Yaveh ro fitsoloha ty Fiaiko; ia ro tokone hatahorako?
[2]Laha mamonje hamoyike ty nofoko reo mpanao rate, reo mpandrafe ahike naho reo fahavaloko le tafitohy ka
lavo. [3]Na le misy maramila mijano hanohitse ahike ka, le tsy hatahotse ty arofoko; na misy aly hanohitse ahike,
na amy zane ka le mbo hijano azo antoke raho.[4]Zaka raike ro nangatahiko tamy Yaveh, vaho hipay zane raho: soa
hazahoako mitoetse ao agnanjomba YAveh agnate ty andro iaby iaignako, soa hahisake hasoa yaveh naho
tyhandindehako ao an-tempoline.[5]Te amy ty andro ty fijaleako le hamine ahike eo amy ty fitsolohane Reke; eo
amy ty feno ty laine ro hamoniane ahike. Hampiakatse ahike ho egne amy ty vatobey Reke! [6]Vaho ty lohako le
hisondrotse eo ambone reo fahavaloko magnodidy ahike iaby, hagnomey reo fagnatem-pisorom-pifalea ao an-
daine raho! Hiantsa naho hanao antsa ho ahy Yaveh raho![7]Mihenoa ty feoko, Yaveh, lafa mikaike mafe raho!
Mamindrà arofoko amiko, vaho valeo raho! [8]Mitsara mikasike anao ty arofoko tihoe: "Paiavo ty vatane!" mipay ty
vatanao raho, Yaveh![9]Ka mamone ty vatanao amiko; ka mampivio ty mpiasanao am-pahasiaha! Iriha ro fa
nagnampe ahike; ka mahafoe na magnenga ahike, Andragnahare ty famonjeko! [10]Te na mahafoe ahike ka ty
babako naho ty reneko, Yaveh ro handray ahike.[11]Ampianaro ahike ty lalagnao, Yaveh! Tarfiho amy ty lala
marene raho noho reo fahavaloko. [12]Ka magnare ahike ho amy ty fagniria reo fahavaloko, te reo vavolombelo
sandoke mitsanga hanohitse ahike, vaho miaigne herezaka iareo![13]Ino ro nahazo ahike laha tsy nino raho te iraho
le hahisake ty hasoa Yaveh eo amy ty tane hitoboha? [14]mandignasa ahy Yaveh; vaho matanjaha, lonike ty
arofonao homafe! Mandignasa ahy Yaveh!



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 28

[1]Salamo natao ndre Davida. Hikoike mafe ho aminao raho, Yaveh; vatombeiko, ka atao tsy misy dikane raho.
Laha tsy Mamale ahike riha, le hiarake amy reo ze mizotso agne an-dolo raho. [2]Teno ty feo ty fitaraignako laha
mipay fagnampea bak'aminao raho, laha manondrotae ty vatako magnatrike ty fitoeranao mase loatse raho![3]Ka
maninto ahike hiala miarake amy ty rate fagnahe, ze manao heloke, ze manogno fiadagna amy ty nama iareo feie
mana faharatea ao agn'arofo iareo. [4]Omeo aiereo ty mitove ty asa iareo vaho valeo ze take ty faharateam-
pagnahine, valeo iareo ty amy ty asa ty tagna iareo valeo ze mitove aireo. [5]Satria tsy takane, hanimba aiereo reke
vaho tsy hananga aiereo sase.[6]Antsay vatane Yaveh satria fa naheno ty feo ty fitaraignako Reke! [7]Yaveh ro tanjako
naho fiarovako; arofoko matoke Aze, le ampeane raho. Noho zane le falefale fatratse ty arofoko, vaho hiantsa Aze
amy ty fiantsa. [8]Yaveh ro here tyt ndatine, vaho Reke ro fitsoloha famonea iaze voahosone raike.[9]Vonjeo reo
vahoakanao vaho tahio ty lovanao. Metea ho mpiambe ondrene vaho andeso zisikam-parane iareo.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 29

[1]Salamo natao ndre Davida. Magnomeza fiantsa hoahy Yaveh, nareo anak'Andragnahare! Magnomeza fiantsa ho
ahy Yaveh noho ty hasine naho ty herene. [2]Omeo ahy Yavehty hase ze maeva ty agnarane. Mihohofa amy Yave eo
amy ty famirapirata ty fahamasine.[3]Ty feo Yaveh le heno egne ambone ty rano; iaze Andragnahare ty hase ty
hotroke, vaho Yaveh mikotroke eo amy reo rano maro. [4]Ty feo Yaveh le mahere; ty feo Yaveh le bey hase. [5]Ty feo
yaveh le mamake reo sedera; torotoroe Yaveh reo sedera agne Libanona[6]Mitrekatreka ahy ndre Libanona
manahake ty anak'aombe vaho Siriona manahake ty vaton'aombe Reke. [7]Ty feo Yaveh le mampimboake lelan'afo.
[8]Ty feo Yaveh le mampihozohozo ty tane tsy misy na ino na ino; Yaveh mampihozohozo ty tane tsy misy na ino na
ino ndre Kadesy.[9]Ty feo Yaveh le mahaavy ty hetae terebinta hihetseke vaho mamofe ty holitse reo ala. Ty ndaty
iaby agne an-tempoline tihoe: "Hase!" [10]Yaveh le mitoboke manahake ty mpanjaka eo amy ty safo-drano; Yaveh
mitoboke manahake ty mpanjaka zisikam-parane.[11]Yaveh le magnomey here ty ndatine; Yaveh le mitahy ty
ndatine amim-piadagna.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 30Salamo; hiantsa amy ty fagnoloram-bata ho ahy ty tempoly. Salamo natao ndre Davida.

[1]Hanondretse Anao raho, Yaveh, te nananga ahike Iriha vaho tsy namela re fahavaloko hifalefale eo amiko.
[2]Yaveh Andragnahareko, nikaike ty famonjeanao raho, vaho nagnafake ahike Iriha. [3]Yaveh, nanday ty fagnahiko
niakatse bak'agne amy ty Fiaignan-tsy hisake iriha; vaho nitahiry ahike ho velo tsy hizotso agne an-dolo.[4]Miantsà
fiantsa ho ahy Yaveh, nareo ry vahoakane azo antoke! Magnomeza fisaora laha mahatiaro ty fahamasine nareo.
[5]Te ty fasiakine le malakilake avao; te ty fiteane le agnate ty androm-piaignane. Avy ty fitomagnia amy ty halike,
te ty fafalea avy ty maraindray.[6]Am-pahatokia nitaliliako tihoe: " Tsy mba hizohozo zisikam-parane raho." [7]Yaveh,
noho ty fitea le nanao ahike hanake ty vohitse matanjake Iriha; le mijale raho. [8]Nikaike Anao raho, Ry Yaveh,
Vaho nipay fitea bak'amy ty tompoko![9]Ino ro tombone amy ty fahatesako, laha handeha hizotsz agne an-dolo
raho? Hiantsa Anao va ty leboke? Hagnambara ty fahamendreham-pitokianao va zane? [10]Mihenoa, Yaveh, vaho
mamindrà arofo amiko! Yaveh, mimetea ho mpagnampe ahike.[11]Namandike ty fisaognako ho fisinjaha Iriha;
nangalake ty akanjo fisaognako Iriha vaho nampisike ahike tamy ty fifalea. [12]Kea amy henanezao ty haseko le
hiantsa fiantsa ho Anao vaho tsy hintsy; Yaveh Andrgnahareko, hagnomey fisaora Anao zisikam-parane raho!


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 31

[1]Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo natao ndre Davida. Aminao, Yaveh, ro hitsolohako; ka enga ho salatse raho.
Avoto amy ty fahamarignanao raho. [2]Mihenoa ahike; malake hagnavotse ahike; mimetea ho vatobey fitsolohako,
fiarova mafe hamonje ahike.[3]Te vatobey naho fiarova mafe ho ahike Iriha; kea noho ty amy ty agnaranao, tariho
naho andeso raho. [4]Sintono hiala amy ty harato ze navony iareo ho ahike raho, te Iriha ro fitsolohako[5]Eo an-
tagnanao ro agnankignako ty fagnahiko; hagnavotse ahike Iriha, Yaveh, andragnahare ty fahamendreham-
pitokia. [6]Hejeko reo ze manompo sampy zaka-foa, te Iraho hatoke ahy Yaveh. [7]Hifale naho hiravoravo amy ty
fagnekenao azo antoke raho, te Iriha nahisake ty fijaleako; hainao fijalea ty fagnahiko.[8]Tsy nomeanao ho eo an-
tagna reo fahavaloko raho. Nametrake ty tombonao ho eo amy ty tane malalake Iriha. [9]Mamindrà arofo amiko,
Yaveh, te ao agnate ty fijalea raho; miha-rerake ty alahelo ty masoko miarake amy ty fagnahiko naho ty vatako.
[10]Te ty fiaiko le rerake ty alahelo vaho ty taoko noho ty fisentoa. Lany ty hereko noho ty harateako, vaho reo
taolako le mihalane. [11]Noho reo fahavaloko iaby, ty ndaty manao tsy misy dikane ahike;reo tana raike amiko
marihy amy ty mahazo ahike; vaho reo ze mahay ahike le matahotse. Reo ze mahisake ahike egne an-dala milay
ahike.[12]Alignoso manahake ty ndaty mate ze tsy misy mpieritseritse raho. Manahake ty velagn vake raho. [13]Te
henoko ty bisibisiky ty maro, reo vaovao mampatahotse bak'egne iaby egne satria iareo miray tetike hanohitse
ahike. Mitetike ty hambalake ty fiaiko iareo.[14]Te matoke Anao raho, Yaveh; nanao tihoe: "Andragnahare Iriha."
[15]Ty anjarako le eo an-tagnanao. Avoto amy ty tagn reo fahavaloko naho reo ze magnnjeke ahike raho.
[16]Hampamirapirato amy ty mpiasanao ty vatanao; avoto amy ty fagnekenao mahatoke raho.[17]Ka enga ho salatse
raho, Yaveh; te iraho mikaike Anao! Ho megnatse vatane ze rate fagnahe! Hitsy agne amy ty fiagna fiaigna tsy
hisake vatane iareo. [18]Lonike reo magnomey mavande hitsy ze miresake hanohitse ty fahamarina amy ty fahitia
miarake amy ty fiavognavo naho ty fagnamboka.[19]Hahike ty hasoanao ze nihanjarinao ho ahy ze nagnaja anao, ze
vitaenao amy ze mitsoloko aminao magnoloa reo ana ondate iaby! [20]Eo amy ty fitsoloha ty dine-drate reo ndaty.
Mamone aiereo amy ty fitsoloha amy ty herezaka ty lela Iriha.[21]Ho antsa vatane Yaveh, te nampiseho ty
fagnekene azo antoke mahavere Reke laha tao agnate ty tanà voalilo raho. [22]Na le nitalily tamy ty haendrako ka
raho tihoe: "Nafaha tsy ho eo amy ty fajonao raho," eka mbo maheno ty fitaraignako famonjea Iriha laha mikaike
Anao raho.[23]Teavo ahy Yaveh, nareo mpagnorike lia azo antoke. Yaveh miaro ty azo antoke, te mamale vantane ty
nmpiavognavo. [24]Mahereza naho mahanjaha, nareo iaby ze azo antoke ahy Yaveh amy ty famonjea.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 32salamo natao ndre Davida. Maskila.

[1]vototse ty ndaty ze voavela heloke, naho reo ze voasaro ty harateane. [2]Vototse ty ndaty ze tsy meloke teo amy
Yaveh naho reo ze tsy misy fitake ty fagnahine.[3]Lafa nitsy raho, le nihaosa ty taolako, laha nitaray agnate ty andro
raike raho. [4]Navesatse tamiko andro naho halike ty tagnanao. Nitalilieko manahake ty amy ty lohatao maike ty
tanjako. Sela[5]Le nampahafantareko Anao ty faharateako, vaho tsy navony sase ty heloko. Nanao tihoe raho:
"Hagnambara reo handisoako amy Yavh raho," le navelanao ty helo ty faharateako. fijanogna naho fiantsa. [6]Noho
zane, ze iabe arak'Andragnahare le tokone hivavake Aminao amy ty fotoa ty fijaleam-bey. Vaho lafa magnonja
mafe ty rano, le tsy hahzo reo ndaty reo zane.[7]Iriha ro toera fiafenako; hiamby ahike amy ty fijaleako Iriha.
Fijanogna naho fiantsa. [8]Hanoro lala anao naho hampianatse anao amy ze lala tokone halehanao Raho. Hanoro
lala anao Raho vaho hijilo anao ty masoko.[9]Ka manahake ty soavale na ty ampondra, ze tsy mana fahazavan-tsay;
te amy ty lamboridy naho fofoke avao ro hifeheza aze regne handeha agne amy ze teanao handesa aiereo. [10]Mana
porobolemo maro ty rate fagnahe, te ty fagneke azo antoke Yaveh kea ro hagnodide ze ndaty matoke Aze.
[11]Mifalea amy Yaveh, vaho miravoa, nareo ry marene; manaova feo fifalea nareo iaby ze mahity agn'arofo.

Chapter 33

[1]Mifalea amy Yavewh, nareo ry marene, ty fiantsa le mete ho ahy ty mahite. [2]Magnomeza fisaora ahy Yaveh amy
ty harpa; miantsà fiantsa ho Aze amy ty harpa tory folo. [3]Miantsà fihiram-baovao ho Aze; mititiha soa vaho
miantsà an-kafalea.[4]Te mahite ty tsara Yaveh, vaho ty zak-iaby ataone le arake ty rarene. [5]Tea rarene naho
fahamrigna Reke. Feno ty fagneke azo antoke Yaveh ty tane. [6]Tamy ty tsara Yaveh ro namorogna ty lagnitse, vaho
ty vasia iaby le natao tamy ty fofo fiay ty fitavane.[7]Mamory ty rano ty ranomase iaby manahake ty fokonta zaka
Reke; ataone ao amy ty fagnanjaria rano ty ranomasem-bey. [8]Lonike hatahotse ahy Yaveh ty tane iaby; lonike ho
vere Amine ty vahoagne ty tane iaby. [9]Te nitsara Reke, le vita zane; nadile Reke, le nisy teo amy ty toera zane.
[10]Mandrava reo fifagnarah reo firenena Yaveh, manapake eo amy ty safiry reo vahoake Reke. Maharitse zisikam-
parane ty safiry Yaveh. [11]Ty safiry ty aropfone le ho ahy ty taranake iaby. [12]vototse ty firenena ze mana ahy Yaveh
ho Andragnaharene, le ty ndatine ze nifiliene ho mpandovane[13]Mivamba bak'egne amy ty lagnitse Yaveh;
mahisake ty ndaty iaby Reke. [14]Bak'egne amy ty toera ze hitobohane ro hivambane ze iaby miaigne ambone ty
tane. [15]Reke iaze namolavola ty arofo iareo iabybro mandinike reo natao iareo iaby.[16]Tsy misy mpanjaka voavonje
ty maramila maro, vaho ty lehilahy mpiale le tsy voavonje ty habey ty herene. [17]Ty soavale le fiarova mamitake
ho ahy ty fandresea; Na le eo ka ty tanjane bey, le tsy afake mamonje rake.[18]Ingo, ty fanjo Yaveh le eo amy reo ze
matohotse Aze; amy reo ze magnantena ty famindragn'arofone azo antoke[19] soa hagnafake ty fiay iareo amy ty
fahafatesa, vaho soa hamelo aiereo amy ty fotoa ty kere.[20]Mandigne ahy Yaveh tika, reke ro famonjea naho
fitsolohantika. [21]Mifale ao amine ty arofontika, satria matoke ty agnarane mase tika.[22]Lonike famindragn'arofonao
matoke Yaveh, Hiaro anay arake ty fametrahanay ty fagnantegnanay Aminao

Chapter 34Salamo natao ndre Davida; lafa misare adala teo agnoloa ndre Abimeleka re, ze nandroake aze.

[1]Hiantsa ahy Yaveh amy ty fotoa iaby raho, ho eo am-bavako zisikim-parane Aze.[2]Hiantsa ahy Yaveh raho! Lonike
ty mijsle handre le hifale. [3]Miaraha miantsa ahy Yaveh amiko. Lonike hiarake hanandratse ty agnara tika.[4]Nipay
ahy Yaveh raho le namale ahike Re, vaho nagnomey fandrese ahike tamy ty tahotso iaby Reke. [5]Reo ze magnete
Aze le mamirapiratsy, vaho tsy misy hegnatse ty tarehe iareo. [6]Toy ndaty mijale too le notomagne vaho le naheno
aze Yaveh le nagnavotse aze tamy ty fijalea iaby.[7]Mijano eo amy reo ze matahotse Aze vaho mamonje aiereo ty
anjael Yaveh. [8]Andramo vaho heteo te soa Yaveh. vototse ty ndaty ze mitsoloke Amine. [9]Matahora ahy Yaveh,
nareo ndatine masy. Tsy hanan-jaka-mampinjale reo ze matohetse Aze.[10]Ndraindraike le tsy ampe sakafo ty liona
Tanora le mijale hakere, te reo ze mipay ahy Yaveh kea le tsy ho hijale zaka-soa. Avia, anake, mihenoa ahike.
[11]Hampianatse anreo ty fahatahora ahy Yaveh raho.[12]Ndaty ro magniry fiagna ka tea andro maro, , ka hahisake ty
soa reke? [13]Kea ambeno amy ty rate ty lelagnao vaho ambeno ty amy ty fitalilia vande ty sogninao. [14]Halaviro ty
rate vaho manaova ty soa. Mipaiva fiadagnaka oriho zane.[15]Ty fanjo Yaveh le eo amy ty to vaho ty ravimbiane
miheno ty tagny iareo. [16]Ty vata Yaveh le manohotse reo ze manao rate, soa hangala ty fahatiarova aireo etoy an-
tane. [17]Mitoreo ty marene vaho mahare Yaveh ka mamonje aiereo amy ty fijaleane iaby.[18]Marinike ty arofo Yaveh,
vaho manarombake reo ze torotoro fagnahy Reke. [19]Maro reo porobolemo ty marene, feie magnafake aiereo amy
zane iaby zane Yaveh. [20]Mitajake ty taolane iaby Reke, tsy hisy ho tapake na ty raike amy reo ka.[21]Hamono ty rate
fagnahy ty loza. ho voaheloke reo ze malay ty marene. [22]Manarombake ty fiay reo mpiasane Yaveh. Tsy hisy ho
voasiake reo ze mitsoloke ao amine.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 35

[1]Salamo natao ndre Davida. Yaveh, miasà amy reo ze miasa hanohitse ahike; mialia amy reo ze mialy amiko.
[2]Rambeso ty fiaro kele naho fiaro beinao; mitsanganale ampeo raho. [3]Ampiasao amy reoze mihaza ahike ty lefo
naho ty famake fialianao; talilio amy ty fagnahiko tihoe: "Irahi ro famonjeanao."[4]Lonike ho megnatse naho ho
salatse reo ze mipay ty fiaiko. Lonike hihemotse naho vere hevetse reo ze midineke hagnisy rate ahike. [5]lonike ho
manahake ty lila eo agnate ty tioke iareo, laha manday aiereo ty anjele Yaveh, [6]lonike ho maeke naho malama ty
lalagn'iareo, lafa magnia aiereo ty anjele Yaveh.[7]Mapipoke harato ho ahike tsy amy ty antone iareo,mihale lavake
ho ahy ty fiako tsy amy ty antone iareo. [8]Lonike hamofoke tampoke aiereo ty fandrava. lonike ty harato ze napo
iareo mba hisambotse aiereo avao. Lonike iareo holavo ao amy zane, le ao amy ty faharavane.[9]Feie hifale amy
Yaveh raho vaho hifale amy ty famonjeane. [10]Ty taolako iaby hitalily tihoe: " Yaveh, ia ro manahake Anao, ze
mamonje ty mijale amy reo ze matanjake loatse ho aireo naho ty malahelo vaho ty tsy mana amy reo ze mipay
handrava aiereo?"[11]Mitsangàna ty vavombelo tsy marene; mitanjake vande ahike iareo. [12]Mamale rate ahike amy
ty soa ataoko iareo. Malahelo raho.[13]Feie, lafa narare iareo, le nanao ankanjo fisaogna raho; Nifale hane ho aiereo
tamy ty fagnondreha ty lohakoteo amy ty aragnako raho. [14]Ty alaheloko aiereo le manahake ty alaheloko ty
rahalahiko, nioandrike manahake ty misao regne raho.[15]feie laha tafintohy raho, le hifale iareoka nivore; niarake
nivore hanohitse ahike iareo, vaho taitse noho iareo. Tsy nijano namofoke ahike iareo. [16]Tsy misy fiasia sase ro
nandratiane ahike; nihily vaza tamiko iareo.[21]manokatse vava hivazavaza ahike iareo; nanao tihoe iareo: "Aha,
Aha, ty masonay ro nahisake zane." [22]Fanahisake zane Riha, Yaveh, kea ka mitsy; tompo, ka magnalavitse ahike.
[23]Misondrota vaho mifohaza hiaro ahike; Andragnahareko naho tompoko, tohagno ty aliko.[24]Arovo raho, Yaveh
Andragnahareko, noho ty fahamarignao; lonike tsy hifale amiko iareo. [25]Lonike iareo tsy hanao ao hikilily ao
agn'arofo tihoe: "Aha, azonay ze niarinay." Lonike iareo tsy hanao tihoe: "fa naranay reke." [26]Lonike ho salatse
naho ho vere hevetse reo ze te hagnisy rate ahike. Lolnike hisike hagnetse naho fahafaham-baraka reo ze
magnembane ahike.[27]Lonike hikoike am-pifalea naho ho ravo reo ze nirare ty fahamarignako; lonike iareo hitsara
isan'andro tihoe: "hoantsay vatane Yaveh, Reke iaze tea ty fiandagna ty mpiasane." [28]Le hitalily ty
fahamarignanao naho hiatsa Anao amy ty andro iaby raho.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 36Ho ahy ty mpagnonje antsa. salamo natao ndre davida mpiasa Yaveh.

[1]Bak'ao agnarofone lalike ro hitalile ty ndaty rate ty helone, tsy misy fahatahora ahy Andragnahare eo amy ty
masone. [2]te mapiognon-tegna re, mihevitse te tsy hivoasaro naho ty ho henje ty faharateane.[3]Ty tsarane le
faharatea naho fitake; tsy te ho hendre naho hanao soa reke. [4]Mipay fomba hanaovane rate reke, laha mandre eo
am-pandrea; manomboke manao zaka-rate reke; tsy magnare ty rate reke.[5]Ty fagnekenao matoke, Yaveh, le
midofotse amy ty lagnitse; vaho ty tsy favalihanao le midofotse amy ty hiboke. [6]Ty fahamarinanao le manahake ty
vohits'Andragnahare; ty fitsaranao le manahake ty llalim-bey. Yaveh, Iriha ro mamonje ty ondaty naho reo biby.
[7]Hehike ty halafovily ty fagnekenao matoke, Andragnahare! Mitsoloke eo ambane aloke ty helatsao ty ondaty. [8]Ho
afa-po amy ty hamaroa ty hane ao an-tragnonao iareo; hamela aireohino amy ty vavarano ty fitahianao lafovily
Iriha. [9]Te ao aminao ro misy ty loharanom-piay; ao amy ty fahazavanao ro hahisahanay fahazava.[10]Hambeazo
vatane amy reo ze mahay anao ty fagnekenao azo antoke, ty fiarovanao amy ze mahite arofo. [11]Ka enga hanao
rate ahike ty tombo ty mpiavognavo. ka enga handroake ahike ty tagna ty rate fagnahy. [12]Tegne ro fa nilavoa reo
mpanao rate; nilavo iareo vaho ty afake nirene.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 37

[1]Salamo natao ndre Davida. Ka masiake noho reo mpanao rate; ka magniry reo ze manao ty tsy marene. [2]Te ho
maike tsy ho ela manahake ty ankata iareo vaho halzo manahake ty zaka-mitiry.[3]Matokia ahy Yaveh vaho
manaova ty soa; mitoboha egne amy ty tane vaho hampitombo ty fahatokia. [4]bak'eo mitiava ahuy Yaveh, le
homeine anao ze iry ty arofonao.[5]Omey ahy Yaveh ty lalagnao; matokia Aze, le hiasa ho anao Reke. [6]Haneho ty
fahamarenao manahae ty mazava Reke vaho ty tsy fahameloha manahake ty andro amy ty antoandro.[7]Milamina
magnoloa ahy Yaveh vaho mandignasa Aze am-piareta. Ka meloke laha misy ndaty tafavoake amy ty zaka ataone,
na lafa manao dinike rate reke.[8]Ka masiake naho kevy. Ka matahotse. Mahaavy koronta avao zane. [9]Ho tapahy
reo mpanao rate, te reo ze miamby ahy Yaveh kea le handova ty tane. [10]Afake fotoa fohe le hanjavo ty ndaty rate;
Hagnete eo amy ty toerane iriha, te reke kea ho lasa.[11]Te ty fagnahy le handova ty tane vaho hisitrake amy ty
fitahia bey. [12]Ty lehilahy rate fagnahy le manao dineke rate manohitse ty marene vaho magnily ty nifine amine.
[13]Mihomehy aze ty tompo, satria hisane te avy ty androne.[14]namoake ty mesone ty rate fagnahy vaho nagnenja ty
kiditsine iareo tamy ty mijale naho tsy mana, soa hamono reo ze mahite. [15]Hitomboke ty arofo iareo manoka ty
meso iareo, vaho ho simba ty kiditsy iareo.[16]soa vatane ty kele anagna reo marene naho ty hamaro ty ahy reo
ndaty rate. [17]Te ho tapahy ty tagna ty rate fagnahy, satria Yaveh manoha ty ndaty marene.[18]Yaveh le
mivambasan'andro san'andro ahy reo tsy misy tsikone, vaho ty lova iareo le ho zisikam-parane. [19]Tsy ho
megnatse iareo lafa rate reo andro. Lafa avy ty kere, le hana ty ampy ho hane iareo.[20]Tsy ho amte ty ndaty rate
fagnahy. Hanahaek ty hase reo baibo reo fahavalo Yaveh; ho rava iareo vaho ho rava ho setroke. [21]Ty ndaty rate
fagnahy le mindra te tsy mampimpole, te ty ndaty marene kea malala- tagna naho magnomey.[22]Reo ze nitahy
Andragnahare le handova ty ane; reo ze hozognine le ho tapahe. [23]Amy ty alala Yaveh ro hametraha ty lia ty
ndaty, ty ndaty ze azo bekoie eo amy fanjon'Andragnahare ty lalane. [24]Na le tafintohe ka reke, le tsy mba lavo,
satria mitanjake aze amy ty tagnane Yaveh.[25]Fa tanora raho te antitse amy henanezao; tsy mbo nahisake ty ndaty
marene nilavo lefo raho na nagatake mofo ty anane. [26]mamindrà arofo naho mampindra zisikam-parane reke,
vaho lasa fitahia ty anane. [27]Mialà amy ty rate vaho manaova ze marene; le hilame zisikam-parane iriha.[28]Te tea
fitsarà Yaveh vaho tsy magnega reo mpagnara-diane azo antoke. Voaaro zisikam-parane iareo, te reo taranake ty
rate fagnahe kea ho tapaha. [29]Handova ty tane vaho hiala ao zisikam-parane ty marene. [30]Ty vava ty ndaty
marene le mitsara fahendrea vaho mampitomvo fitsarà.[31]Ty lalà ty Andragnaharenle ao agn'arofone; tsy ho lavo
ty tombone. [32]Ty ndaty raty fagnahy le magnete ty ndaty marene vaho mipay ty hamono aze. [33]Tsy hagnare aze eo
an-tagna ty ndate rate Yaveh na hasiake aze lafa nitsarae reke.[34]Mandignasa ahy Yaveh vaho embeno ty lalane,
vaho hampitsanga anao Reke soa ho fagnanao ty tane. Ho hisagnao lafa tapaha ty rate fagnahe.[35]Fanahisake
ndaty rate fagnahy naho nampihorohoro ndaty niele manahake ty hetae maitso amy ty tanine raho. [36]te lafa
nandalo teo ndraike raho, le tsy teo reke. nipay aze raho, te tsy hisake reke.[37]Araho maso ty ndaty tsy mivalike,
vaho sorito ty ndaty marene; hisy ho ave soa ho ahy ty ndaty fiadagna.[38]Ho rava vatane reo mpanao rate; tapake
ty ho avy ty ndate rate fagnahy.[39]Ty famonjea ty ndaty marene le bak'amy Yaveh; miaro aireo Reke amy ty fotoa ty
koronta. [40]Magnampe aiereo Yaveh ka magnavotse aiereo.Magnavotse aiereo amy ty ndate rate Reke vaho
mamonje aiereo satria fa nitsoloke tao Amine iareo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 38

[1]Salamo natao ndre Davida, soa handay fahatiarova, Yaveh, ka mitsara mafe ahike amy ty fahasiakinao; ka
magnasaze ahike amy ty fahasiakinao. [2]Te mitomboke ahike ty kiditsinao, vah manindre ahike ty tagnanao.
[3]Marare noho ty helokinao iaby ty vatako iaby; tsy misy fahasalama ao amy ty taolako noho ty faharateako. [4]Te
mameno ahike ty heloke; enta-mavesatse ho ahike reo.[5]Magnehitsehitse reo fereko vaho maibo noho reo
andalako. [6]Miondrike raho vaho salatse san'andro; misao andro lava raho.[7]Te ao agnateko, le feno fireheta, tsy
misy fahasalama ao amy ty nofoko. [8]Mititike raho vaho torotoro vatane; mifoa noho ty fangirifiry ty arofoko raho.
[9]Tompo, hainao ty fagniria lalike loatse ao agnarofoko, vaho tsy mivone aminao ty foaiko. [10]Midobodoboke ty
arofoko, miha-malazo ty hereko, tampe fahisaha ty masoko.[11]Reo ragniko naho mpiarake matore amiko le
magnalavitse ahike noho ty toe-jaka misy amiko; mitsanga mikasike ahike reo namako. [12]mamelatse fandreke ho
ahike reo ze mikilile ty fiaiko. Reo ze mikilile ty ty handratse ahike le mirehake fahappoteha ka mitalily tsara
fitake ty androne iaby.[13]Te Iraho, manahake ty ndaty gy raho vaho tsy mahare na ino naino; manahake ty ndaty
moa tsy mitalily nao na ino. [14]Manahke ty lehilahy ze tsy mahare naho tsy mana valen-drehake raho.[15]Mandigne
Anao vatane raho, Yaveh; hamle Iriha, Tompo Andragnahareko. [16]Mitalily zane raho soa tsy ho mate amiko reo
fahavaloko. Laha lavo ty tombotse, le hanao zaka-loza amiko iareo.[17]Te famarine tafintohe raho, vao
magnehitsehitse avao. [18]Magneke ty heloko raho; miahiahy ty amy ty farateako raho.[19]Feie maro bey reo
fahavaloko; maro reo ze malay ahike tsy atao ino tsy atao ino. [20]Mamale rate ahike iareo noho ty soa; mitorake
fitana ahike iareo na le nagnarake ze soa ka raho.[21]Ka magnenga ahike Yaveh; Andragnahareko, ka magnalavitse
ahike. [22]Miavia malake hanarombake ahike, tompo, mpamonjeko.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 39Ho ahy ty mpagnonja antsa, ho ahy ndre Jedotona. Salamo natao ndre Davida.

[1]Nanapa-kevetse raho tihoe: "Hiambe ze talilieko raho soa hanaovako rate amy ty leleko. Hofeheziko ty vavako
lafa eo amy ty fagnatreha ty ndaty rate raho."[2]Nahazo fitsigne raho; tsy nitsara raho na tamy ty tsara ty soa ka,
vaho nitombo ty tebitebiko. [3]niha-nafana ty arofoko;lafa nihevitse ty mikasike reo zaka reo raho,nilembalemba
manahake ty afo zane. Le nisara avao raho lafa amy farane[4]Yaveh o, Ampahaizo ahike ze fetra ty fiaiko naho ty
fara ty androko. Aseho ahike ty hafohike ty fiaignako. [5]Ingo, nataonao manahake ty saka ty tagnako avao ty
androko, vaho ty androm-paiagnako le ty tsy ino tsy ino eo agnatrehanao. Ndraike mandeha avao fofo fiay ty
ndaty iaby. Sela[6]Mandehandeha manahake aloke vatane ty ndaty iaby, Malisa hamory harena vatane ty ndaty
iaby na le tsy hay iareo akore ka ze handray reo. [7]Amy henanezao, tompoko o, ino ro lignasako?Iriha raike avao
ro sisa fagnantenako.[8]Sarombaho amy ty faharateako raho; ka manao ahike ha fagnakora ty adala. [9]Mitsie raho
vaho tsy afake manokatse ty vavako, Satri Irha ro fananao zane[10]Lonike ze ty fannadratse ahike; mampitora
ahike ty fitio tagnanao. [11]Lafa magnanatse naho ty faharatea Iriha,le mandrava reo zaka ze irine manahake ty
fisa; azo antoke vatane te tsy ino-tsy ino ty ndaty te zaka-foa. Sela[12]Heno ty fivavako, Yaveh, vaho mihenoa
ahike;mihenoa ty tagniko! Ka manampe ravimbia amiko, te manahake ty bahine raho aminao,mpilay tana
manahake reo razambeiko. [13]Afaho amiko ty sazenao hazahoako mitsike ndraike maolo ty fahafa.tesako

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 40Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo natao ndre Davoda.

[1]Nandigny tamy ty faharate ahy Yaveh raho; nianjanje ahike Reke vaho naheno ty taroeko. [2]Nanday ahike hiaktse
bak'ao an-davake rate Reke, bak'ao amy ty fotake maro, ka mampitsanga ty tomboko teo ambone vatobey Reke
vaho niaro ty liako.[3]Nasiane antsa vaovao teo amy ty sogneko, fiantsa ho ahy Andragnaharentika. Maro ro
hahisake zane ka magnomey hase Aze naho hatoke amy Yaveh. [4]Vototse ty ndaty ze manao ahy Yaveh ho tokine
naho tsy magnomey hase ty mpirehareha na reo ze mpivalike amine ho amy ty vande.[5]Maro, Yaveh
Andragnahareko, reo asa mahavere ze favitanao, vaho tsy vatse isahe ty safirinao mikasike anay; laha
magnambara naho mitalile regne raho, le ho mihoatse ze azo isahe regne. [6]Tsy tea soro na fagnatitse Iriha, te
nanokatse ty sofiko; tsy soa nangatake fagnatitse oroa na fagnatitse noho ty harate Iriha.[7]Le nanao tihoe raho:
"Ingo, avy raho; voasoratse ao amy ty horom-boke ty mikasike ahike. [8]Teako ty hanao sitra ty arofonao,
Andragnahareko; ato agn'arofoko ty lalànao." [9]Fa nagnambara vaovao mahafake ty fahamarignanao tamy ty
fiangonam-bey raho; Yaveh, hainao te tsy nitsy tamy ty fanaova zane ty sogniko.[10]Tsy nankoboko tao agn'rafoko ty
fahamarignanao; te nataliliko ty fahatokianao naho famonjeanao; tsy nakoboko tamy ty fiangonam-bey ty
fagnekem-patokianao naho ty fahamendreham-pitokianao. [11]Ka manaka ty asam-pamindragn'arofonao tsy ho
amiko, Yaveh; lonike ty fagnekenao matoke naho ty fahamendreham-pitokianao hiaro ahike sake hariva.
[12]Magnodide ahike ty koronta ze tsy vatse isahe; nahatratse ahike reo heloko ka tsy afake mahisake na ino na ino
sase raho; maro noho reo volo eo an-dohako reo, vaho mokotse ty aroko. [13]Mifalea, Yaveh, amy ty fagnavota
ahike; malaky hagnampe ahike Yaveh.[14]Lonike ho magnatse naho ho diso fagnantegna vatane iareo ze mikendre
ty gfiaiko soa hangalake zane. [15]Lonike ho heloke noho ty faha salarane reo manao amiko tihoe: "Ahah, ahah![16]Te
lonike hiravoravo naho hifale aminao reo iaby mipay Anao; lonike ty iaby tea ty famonjeanao hitsara saky hariva
tihoe: "Hoantsay vatane Yaveh." [17]Tsy mananaho mijale raho; feie mihervitse ty mikasike ahike ty Tompo. Iriha ro
famonjea ho ahike vaho avy amy ty fagnavota ahike Iriha; ka malao, Andragnahare.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 41

[1]ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo natao ndre Davida. Vototse ze mahatiaro ty tarere; amy ty androm-pinjalea,
ro hagnavota Yaveh aze. [2]Hiaro naho hiambe aze tsy ho mate Yaveh, vaho le ho vototse eto an-tane reke; tsy
hivalike aze amy ty teane hatao reo fahavalone Yaveh. [3]Hanoha aze eo amy ty fandrea ty fijalea Yaveh;hanao ty
fandrea ty arete ho fandrea ty fagnasitragna Iriha.[4]Nanao tihoe raho: "Yaveh, mamindrá arofo amiko! Sitragno
raho, te fa nanao rate taminao raho." [5]Mitsara rate ahike reo fahavaloko, manao tihoe: 'Ombia reke ro ho mate
vaho ty agnarane ho rava?' [6]Laha avy hangnete ahike ty fahavaloko, le mirehake raraha fahatane reke; mamoria
reo lozako ho ahy zane avao ty arofone; lafa magnenga ahike reke, le mitalily ty mikasike zane amy ty hafa.[7]Reo
iaby malay ahike mirisike mamofoke ahike; magnantegna ty handratse ahike iareo. [8]Nanao tihoe iareo: "misy
arete mafe mipiteke amine; zao re mandre, le tsy hitsanga sase," [9]Eka te na le ty namako marine ka, natokisako,
ze nitava ty mofoko, le fa nampitsanga ty lohan-tombone hanohitse ahike.[10]Te riha, Yaveh manà famindragn'arofo
amiko vaho atsangano raho hazahoako mamale aiereo. [11]Amy zane ro hahizako te fale amiko iriha, satria tsy
maharesy ahike ty fahavaloko. [12]Laha ty amiko, le magnampe ahike amy ty tsy fivalihanao Iriha vaho hità ahike
eo agnatreha ty vatanao zisikam-parane.[13]Ho antsae tamy zay le ho zisikam-parane vatane Yaveh, Andragnahare
ndr'Israely, Amena le Amena. Boke faharoa

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 42ho ahy ty mpagnonja antsa. maskila reo anandahy ndre kora.

1 Manahake ty diera mitiry rano mandeha mafe, ro harandranoko ho Anao, Andragnahare. 2 Maeake ahy
Andragnahare raho, ho ahy iaze Andragnahare velo. Ombia raho ro ho ave naho himboake eo agnatreha
Andragnahare? 3 Ty ranomasako avao ro sakafoko atoandro amy ty halike, laha mitsara amiko sake hariva reo
fahavaloko tihoe: " Aia ty Andragnaharenao?" 4 Reto raraha reto ro avy ao an-tsaiko laha mandrarake ty fagnahike
raho: hehike ty nandehanako niarake tamy ty vahoake naho nitarihako aiereo tao an-jomban'Andragnahare tamy
ty koikem-pifalea naho fiantsa, fankalzana maro bey ty fikitokito. 5 nanao akore ro miondrike riha, ty fagnaheko?
Nanao akore iriha ro meloke ao aganteko? Magnantegnà ahy Andragnahare, te hiantsa Aze ze famonjeako
ndraike raho. 6 Ty Andragnahareko, ty fagnaheko le miondreke ao agnateko, noho zane mahatiaro Anao raho
bak'amy ty tane ty Jordana, amy ty tendro telo ty vohitse ndre Hermona, vaho bak'amy tykaboa ndre Mizara. 7 Ty
lalike mikaike ty lalike ao amy ty korakora reo riake ty ranonao; reo onjanao naho reo alon-dranonao iaby le
fanahatsipike ahike. 8 Feie Yaveh handily ty fagnekene matoke amy ty atoandro; ty amy ty halike le hiarake amiko
ty antsane, vavaka raike ho ahy Andragnahare ty fiaiko. 9 Iraho hitsara amy ty Andragnahare, vatombeiko tihoe:
"Nanao akore ro le nagnaligno ahike Iriha? Nanao akore ro mandeha misao noho ty fampijalea ty fahavalo
raho?" 10 Manahake ty fisia ty meso eo amy ty taolako, ro irehafa reo mialiko amiko mafe, laha mitalily amiko sake
hariva iareo tihoe: "Aia ty Andragnaharenareo?" 11 Nanao akore ro miondreke irha, ty fagnaheko? Nanao akore ro
meloke ato agnateko iriha? Magnantegnà ahy Andragnahare, te mbo hiantsa Aze ze famonjea ho ahike naho
Andragnahare ndraike raho.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 43

[1]Omeo hitine raho, Andragnahare, vahi ialio ty aliko hanohitse reo firenena tsy masy. [2]Te Iriha ro Andragnahare
ty tanjako. Nanao akore ro nagnare ahike Iriha? Nanao akore raho ro handeha hisao noho ty fampinjalea ty
fahavalo ahike?[3]Alefaso ty hazavanao naho ty hatonao lonike irey hitarike ahike. Lonike irey handay ahike
hombagne amy ty havoanao masy naho agne amy ty fiambesaranao. [4]Le handeha eo amy ty
alitaran'Andragnahare raho, agne amy ty Andragnahare ze fifaleako loatse. Hiantse Anao amy ty harpa raho,
Andragnahare, Andragnahareko.[5]Nanao akore ro miondriky iriha ty fagnahiko? Nanao akore ro malahelo ato
agnatiko iriha? Mitamana ahy ty Andragnahare, te mboe hiantsa Aze ze famnjea ho ahike naho Andragnahareko
ndraike raho.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 44Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo natao reo anandahy ndre Kora. Maskila.

[1]henonay tamy ty sofinay, Andragnahare nitalily reo razanay taminay ty asa nataonao tamy ty andro iareo, tamy
ty andro taloha. [2]Niroahinao tamy ty tagnanao reo firenena, te nampitobo ty vahognay; Nampinjale reo ndty
Iriha, te namparitakao tagne amy ty tane ty vahoakinay.[3]Te tsy azo iareo soa ho fanagnane tamy ty alala ty meso
iareo avao ty tane, na ty vatagn'iareo arere vaho tsy naharombake aiereo; feie ty tagnanao an-kavana, ty
vatagnao, satria soa tamy iareo Iriha. [4]Ty Andragnahare, Iriha ro mpanjakako, lilio ty fandresea ho ahy re Jakoba.
[5]Amy ty alalagnao ro hitindrianay reo mpialy aminay; amy ty alala ty agnaranao zahay ro hanosehanay aiereo,
reo ze mitsanga hanohitsy anay. [6]Te tsy hitoky amy ty kiditsiko raho, na ty mesoko hagnavotse ahike.[7]Te
fanagnavotse anay tamy reo mpialy aminay Iriha, vaho nampahamegnatse reo nalay anay. [8]Ao amy ty
Andragnahare ro nagnanoanay ty firegeregeanay amy ty andro lava iaby, vaho hagnomey fisaora ho ahy ty
Agnaranao zisikam-parane zahay. Sela[9]Te amy henazao fanagary anay Irihale nanday anay tamy ty fahasalara,
vaho tsy niboake niarake tamy ty tafikay Iriha. [10]Nampihemotse anay tamy reo mpialy Iriha; vaho reo ze malay
anay namdrambe ty hanagna ho aiereo. [11]Namboarenao manahake ty ondre voalahatse ho fihane zahay vaho
namparitakao teo reo firenena.[12]Mamarotse ty vahoakenao amy ty tsy nisy dikane Iriha; tsy nampitombo ty
hanagnao Iriha tamy ty fanaova zane. [13]Mamboatse anay ho firehafa mafe ho shy reo namanay Iriha, nandatsa
naho nikizake anay tamy reo magnodidy anay. [14]Mamboatse anay ho tsy hisy dikane eo amy rei firenena Iriha, ho
loha ty fangitigitiha eo amy reo ndaty.[15]Magnoloa ahike andro lava iaby ty fahasalara, vaho hagnambane ty
vatako ro mandrakoke ahike [16]noho ty feone ze mirehake mafe naho ty tsy mampisy dikane ahike, noho ty
fahavalo nahi ty mpamale fate. [17]Avy aminay iaby zane iaby zane; feie Iriha tsy alignonay na tsy nagneke ty
fagnekem-pilongoanao.[18]Tsy nampimoly lala ty arofonay; tsy niala tamy ty lalagnao ty lianay. [19]Feie nanapake
mafy anay to amy ty toera ty amboaly Iriha vaho nandrakoke any tamy ty aloky ty fahafatesa. [20]Laha nagnaligno
ty Agnara ty Andragnahare zahay na namelatse ty tagnanay tamy ty andragnare hafa, [21]nao tsy hipay zane va
Andragnahare? Te mahay ty tsiambaratelo ty arofo reke.[22] Eka vatagne, noho ty Aminao ro hamonoana anay amy
ty andro lava iaby; himpoly ho manahake ty aondre ho amy ty famonoa zahay[23]Mifohaza, nanao akore ro
mandremandre iriha, Tompo? Mitsangàna, ko magnary anay ela. [24]Nanao akore le mamony ty vatagnao Iriha
vaho magnaligno ty fijaleanay naho ty fampinjalea anay?[25]Te miletike ampo ty deboke zahay; reto vatagnay
mipitike amy ty tane. [26]Mitsangàna ho famonjea vaho magnavotse anay noho ty amy ty fagnekeanao mahatoke.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 45Ho ahy ty mpagnonja antsa; atao Al-Shoshanin. Salamo natao reo anandahy ndre Kora. Maskila. hiram-pitiava.

1 Mamoake foto-kevetse soa ty arofoko; hovakiko mafe reo tsara ze narafeko mikasike ty mpanjaka, ty fifeliko ro
sitolo ty mpanoratse mahay. 2 Iriha mboe soa mihoatse ty anagn'ondaty; fahasoava ro voararake eo sogninao;
noho zane le hainay te Andragnaharero fa nitahy anao zisikam-parane 3 Apoho eo agnilanao ty mesonao, ty iaze
mahery, amy ty hasinao naho ty habeinao. 4 Amy ty habeinao le mandena amy ty fandresea fahamendreham-
pitokianao, fahalemem-pagnahy, naho ty fahamarigna hanoro anao zake mampatahotse ty tagnanao ankavana.
5 maragnitse reo bala ty kiditsinao; lavo ao ambainao ty vahoake; ao amy ty arofo fahavalo ty mpanjaka reo bala
ty kiditsinao. 6 Ty seza fiankinanao, Andragnahare e, le zisikam-parane agne; fitogno ty rarene ty fitogno ty
fanjakanao. 7 Tea fahamarigna Iriha vaho malay ty faharatea; noho zane Andragnahare, Andragnaharenao, le fa
nagnosetse anao tamy ty menaky ty fifalea mihoatse noho reo namanao. 8 Ty akanjonao iaby magnitse rano
magnitse, vahomba, vaho kasia; fa nampifale anao reo valiha agne ambaliky ty rova ivoara. 9 Reo anak'ampela ty
mpanjaka le agnatene ampisafe manan-kaja; eo an-tagna ankavananao ro mijoro ty mpanjak'ampela misiky
volamena ndre Ofira. 10 Mihenoa, ty anak,ampela, mandineha vaho atongilagno ty sofinao; alignoso ty vahoakenao
naho ty ajomba ty babanao. 11 Amy ty alala zane le hagniry ty hasoanao ty mpanjaka, ie ro tomponao, hiasio reke.
12 Ty anakam-pela ndre Tiro le ho agne miarake amy ty fagnomeza; ty manam-panagna eo amy ty ndaty le
hangatake ty hateana. 13 Reo anak'ampela ty mpanjaka ao an-dapa le bey hasy iaby; ty fisikine le namboare tamy
ty volamena. 14 Ho andesy eo amy ty mpanjaka re amy ty ankajo lava misy pete-kofehy; reo mbo tsy mahasaky
lahy, nama zay magnarake aze, le ho andesy eo aminao. 15 Ho tarihy amim-pifalea naho faharavoa iareo; hizilike
ao an-drova ty mpanjaka iareo. 16 Ao an-drova reo razagnao ro hisy zeo anagnao, ze hataonao mpanjaka eraky ty
tane iaby. 17 Hampahatiaro ty agnaranao amy ty taranagnao iaby raho; noho zane ty vahoake hagnomey fisaora
anao zisikam-parane agne.

Chapter 46Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo natao reo anandahy ndre Kora; atao Alamota. Tognon'antsa.

[1]Andragnahare ro fitsolohanay naho herenay, famonjea mahatoke amy ty fahoria. [2]noho zane le tsy hatahotse
zahay, na le tokone hiova ty tane, na le tokone hihozogozo reo vohitse, [3]na le mirohondroho naho mikorota ty
ranone, vaho na mitititititike miarake amy ty haendrakine reo vohitse. Sela[4]Misy sihanake ao, ty fandena zane le
mampifale ty tanàn'Andragnahare, le ty fitoera masy reo tabernakely iaze Ambo loantse. [5]Andragnahare ro eo
ampagnivoane; tsy hafihetsike zane; Andragnahare ro hagnavotse aze, vaho hanao zane amy ty vao mazava
antignana Reke.[6]Meloke reo firenena vaho vaohozohozo reo fanjaka; nanondrotse ty feone Reke, le nampiletike
ty tane. [7]Miaro antika Yaveh tompo ty maro; ty Andragnahare ndre Jakoba ro fitsolohanay. Sela[8]Avia, ingo reo asa
Yaveh, ty fandrava ze fanataonaone tegne amy ty tane. [9]Ampijanogine hatragne amy reo vazan-tane ty aly;
manotorotoro ty kiditsy Re vaho manapatapake ty lefo; mandrehitse ty fiaroko Re.[10]Mitsigna vaho haizo te te
Iraho ro Andragnahare; Ho Asondrotse egne amy reo firenena Raho; Ho asondrotse egne amy ty tane Raho.
[11]Miaro antika Yaveh tompo ty maro; ty Andragnahare ndre Jakoba ro fitsolahantika. Sela


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 47Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo natao reo anandahy ndre Kora.

[1]Mandrboa tagna ty vahoajke iaby; Miantsa ahy ty Andragnahare amy ty feo ty fandresea. [2]Te Yaveh ro Ambo
Loatse le hatahora; reke ro Mpanjaka lahibey magnera ty tane Iaby.[3]Maharese reo ndaty eo ambanetika Reke
vaho reo firenena ho eo ambane trombotika. [4]Mifily ty lovantika ho antika Reke, ty hasy ndre Jakoba ze teane.
Sela [5]Andragnahare ro fa niakatse tamim-piantsa Andragnahare, Yaveh tamy ty feo ty trompetra.[6]Miantsà fiantsa
ho ahy ty Andragnahare, miantsà fiantsa; miantsà ho ahy iaze Mpanjakantika, miantsà fiantsa. [7]Te Andragnahare
ro Mpanjaka magnera ty tane iaby; miantsà fiantsa amy ty fahazavan-tsay.[8]Manjaka magnera reo firenena
Andragnahare; mitoboke ambone ty seza fiankinane masy Andragnahjare. [9]Reo mpanjaka reo ndaty miango ho
ahy ty vahoagn'Andragnahare ndre Abrahama; te reo fiaro ty tane le ahy ty Andragnahare; Reke ro hasondrotse
loatse.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 48Tognon'antsa natoa reo anandahy ndre Kora.

[1]Lehibey Yaveh vaho tokone hoantsay loatse, ao an-tagnàn'Andragnaharetika eo am-bohitse masy. [2]Ambo soasoa,
ty fifalea ty tane iaby, le ty vohitse ndre Ziona, eo amy ty ilane avaratse, ty tanà ty Mpanjaka befoloay.
[3]Andragnahare le fa nampahafantatse ty vatagny tao amy reo rovane ho fitsoloha.[4]Te, ingo, reo mpanjaka nivory;
niarake nandalo iareo. [5]Nahisake zane iareo, le nivere; natahotse, naho nilay malaky. [6]Nahazo aiereo ty fitititike,
le manahake ty hirifiry ty amoisafe eo am-piteraha.[7]Amy ty alala ty tioke atignana ro hamakianao reo sambo
ndre Tarsisy. [8]Arake ze fa henonay, ro hisanay tao an-tanà ty Andragnaharenay; Hampitoetse zane zisikam-
parane vatagne Andragnahare. Sela[9]Fa nandinike ty mikasike ty fagneke matokinao zahay, Andragnahare teo
agnivo ty tempolinao. [10]Arake ty agnaranao, Andragnahare e, le zane kea ro fiantsa Anao avao amy reo vazan-
tane; feno fahamarigna ty tagnanao ankavana.[11]Lonike hifale ty vohitse ndre ziona, lonike hifale reo anak'ampela
ndre Joda noho ty lilinao marene.[12]Mandena mihodidy ty vohitse Ziona, miodidigna amine isafo ty tillikambone,
[13]hamarigno soa ty lakoro vatone, vaho vambao reo rovane soa hazahoanao mitalily zane amy ty tarangnao ho
avy.[14]Te io Andragnahare io ro Andragnaharetikazisikam-parane agne; Reke ro ho tari-dala ho antika zisik'amy ty
fahatesa.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 49Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo natao reo andahy ndre Kora.

[1]Mitsanogna zao, nareo ndaty iaby; manongilàgna sofy, nareo vahoagne ty tane iaby, [2]na ambane, na ambone, na
manam-panagna na tsy mana miarake.[3]Ty vatavako hitalily fahandrea vaho vetsevetse ty arofoko hitalily
fahazavan-tsay. [4]Hanongilan-tsofy amy ty fagnoharako raho. [5]Nanao akore raho ro tokone hatahotse reo andro
rate, laha magnodidy ahike eo amy ty tondrobey tomboke ty heloke?[6]Nanao akore raho ro tokone hathotse reo ze
mianky amy ty fanagnane naho miregerege amy ty hamaro ty fanagnane? [7]Azo antoke vatagne te tsy hisy afake
hahavonje ty rahalahine na hagnomey karama ho ahy ty Andragnahare ho aze, [8]ty fagnavota fiay le sarotse, vaho
tsy misy afake handoa ze tokone haloantika.[9]Tsy misy afake miay zisikam-parane zane le tsy ho simba ty nofone.
[10]Te hahisake hasimba re. Reo ndaty hendre ho mate; ty biloka naho ty masiake sambe ho levo naho hamela ty
fanagnane ho ahy ty hafa.[11]Mihevitse iareo te ty longone, naho reo toeram-pitobohane le hitohy zisikam-parane,
ho ahy reo taranagny; kaiihe arake ty agnarane avao ty tane iareo.[12]Te ty ndaty, manam-panagna, le tsy hitoboke
ho velo; manahake reo biby zay ho rava. [13]Toy, lalagn,iareo toy, ro biloka iareo; feie afara iareo, le tea ty ndaty ty
fomba firesane. Sela[14]Manahake ty aondre ro nanendre aireo ho amy ty Fiagnan- tsy hisake, vaho fahafatesa ro
ho mpiarake aiereo. Ty ndaty marene hanapake eo amy iareo lafa maray, vaho ho rava agne amy ty Fiaignan-tsy
hisake ty nofone, le tsy hisy toera hitoboha iareo. [15]Te Andragnahare kea hamonje ty fiaiko amy ty here ty
Fiaignan-tsy hisake; handrambe ahike Re.[16]Ka matahotse laha misy ndaty lasa mpanam-panagna, vaho mitombo
ty hasy ty haseveregnane. [17]Te lafa maty re le tsy handay na ino na ino; tsy hizotso hagnarake aze ty hasine.[18]Laha
mboe niay re le nitahy ty fagnahine__vaho miantsa anao ty ndaty lafa miay ho ahy ty vatagnao iriha__[19]handeha
agne amy ty taranagny reo razane reke vaho tsy hahisake ty hazava mihitsy. [20]Ze mana hanagna fe tsy mana
fahazavan-tsay le manahake ty biby, zay ho rava.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 50Salamo natao ndre Asafa.

[1]Iaze Tsitoha, Andragnahare, Yaveh, le fa nitsara naho nikaike ty tane manomboke amy ty tsirik'andro le
zisikamy ty fitsofarane. [2]Bak'ao Ziona, iaze soa amy ty hasoan-tarehy, ro nasehon'Andragnahare.[3]Ho avy ty
Andragnaharetika le tsy mba hitsy; hisy afo mandrava eo agnoloane, vaho tafio ty tioke bey ro eo amy ty
magnodidy Aze. [4]Mikaike ty lagnitse ambone naho ty tane Re soa hazahoane mitsara ty vahoagne: : [5]"Avorio
miarake ho etoy amiko reo matoky Ahike, le reo ze fa nanao fagnekea tamiko tamy ty soro."[6]Ty lagnitse
hagnambara ty fahamarignane, te Andragnahare vatagne avao ro mpitsara. Sela[7]Mitsanogna, ty ndatiko, le
hitsara Raho, Iraho ro Andragnahare, Iaze Andragnaharenareo. [8]Tsy hanagnatse anao noho reo soronao raho
magnoloa ahike avao reo fagnatitsao ho oroa.[9]Tsy hangalake aombelahy bak'ao ajombanao raho, na aoselahy
bak'ao am-balanao. [10]Te Ahike ty biby iaby agne agn'ala, naho ty biby fihare iaby egne amy ty haboa
agn'agnarivone. [11]Hainao iaby ty voro-mitily ty vohitse iaby vaho Ahike reo bibily agne am-baibo.[12]Laha kere
Raho, tsy mba hirehake aminao zane; te ahike ty tane, naho ze iaby ao amine. [13]Nao hitava ty nofo ty aombelahy
va RAho na hino ty lio ty ose?[14]Omeo ahy ty Andragnahare ty sorom-pisorogna, vaho aloavo amy ty Ambo Loatse
reo sarekenao. [15]Kaiho Raho amy ty androm-pianjalea; le hamonje anao Raho, vaho hagnomey hasy Ahike iriha.
[16]Te nanao tihoe kea Andragnahare amy ty rate fagnahy: " Ino ho ataonao amy ty fagnambara reo liliko, te fa
niraisanao ho eo am-bavanao ty [17]Fagnekeko, satria malay ty fagnanara iriha vaho magnare reo tsarako?[18]Lafa
mahisake mpangalatse iriha le miray loha amine iriha; mandrambe anjara amy reo ze mijangajanga iriha.
[19]Omeinao ho ahy ty rate ty fitavanao, vaho ty fifelignao maneho fitake. [20]Mitoboke iriha vaho mirehake
manohitse ty rahalahinao: sereserenao ty anandahin-drenenao.[21]Fa nanao reo raraha iaby reo iriha, feie nità ty
fitsagna raho, sode le nihevitse moa iriha te ndaty mitovy amy ty vatagnao avao Raho. Feie hagnanatse anao raho
vaho hampiakatse, ho eo amy ty tandrify ty masonao, ty zaka-iaby vitagnao. [22]Asio fandineha soa zane, iriha zay
nagnaligno ahy ty Andragnahare, laha tsy zane le hopotepotehiko iriha, vaho tsy hisy ho avy hagnampe anao.
[23]Zay magnomey sorom-pilongoa ro mankalaza Ahike, vaho ho ahy zay misafiry ty lalagne ho amy ty lala-marene
ro hampisehoake ty famonjea Andragnahare."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 51Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo natao ndre Davida; lafa namonje andre Natana mpitoke tafara ty nandreane niarake tamy ndre Barseba.

1 Mamindra arofo amiko, Andragnahare e, noho ty fagnekenao matoke; noho ty amy ty hamaroa ty asam-
pamindram-ponao, vono ty fahadalà nataoko. 2 Sasao an-tsakane naho ty an-davane raho soa ho afa-keloke vaho
liovo amy ty fahotako. 3 Te hainao ty heloko, vaho eo agnoloako san'andro ty faharateako. 4 Taminao, vaho taminao
arere, ro fa nanaovako rate taminao nahavitako zaka-rate teo amy ty fajonao; te mahity Iriha laha mitsara; vaho
laha mizaka 5 Ingo, terake tamy ty heloke raho; laha mboe notorotoronin-dreniko, le fa tamy ty faharatia raho.
6 Ingo, magniry fahamendreham-pitokisa ato agn'arofoko Iriha; ato agn'arofoko ro hampafantarinao ahike
fahendrea. 7 Liovo amy ty hysopa raho, le ho malio; sasao raho, le ho foty mihoatse ty zavo. 8 Ampitsano haravoa
naho fifalea raho soa hazahoa ty taolako nitapahahinao hifale. 9 Avonio amy ty vatagnao reo hatiako le afaho ty
heloko iaby. 10 Amorogno arofo malio raho, Andragnahare e, vaho havaozo ho fagnahy marene ty ato agnatiko. 11 Ko
isataha amy ty fagnatrehanao raho, vaho ko afaha amiko ty fagnihinao masy. 12 Ampolio amiko ty fifalea amy ty
famonjeanao, vaho tohano amy ty fagnahy vonogne raho. 13 Le hampianatse reo mpandika lily ty lalagnao raho le
hiova arofo reo mpanao rate. 14 Mamelà noho ty fandatsahan-dio, ty Andragnahare ty famonjea ahike, le hikoike ty
fifalea ty fahamarignanao raho. 15 Tompo, Sokafo ty sogneko, le haneho antsa ho Anao raho. 16 Te tsy tea soro Iriha,
na iraho magnomey zane; tsy mana fahafinareta amy ty fagnatitse oroa Iriha. 17 Reo fagnatitse ty aandragnahare le
fagnahy torotoro. Iriha, Andragnahare e, le tsy hanao tsy misy dikane ty arofo torotoro ty manegny. 18 Manaova
soa amy ty fiteanao ahy ndre Ziona; Areno ndraike ty lakoro vato ndre Jerosalema. 19 Le hotea reo sorom-
pahamrigna, amy ty fagnatitse oroa vaho reo fagnatitse oroa iaby Iriha; Le hagomey aombelahy eo amy ty alitara
ty vahoakay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 52Ho ahy ty mpagnonja antsa. Maskila ndre Davida; lafa avy hitsara andre Saoly re Doega Edomita, vaho nitsara tamine tihoe: "Avy ao ajomba ndre Ameleka re Davida."

[1]Nanao akore Iriha ro miregerege amy ty fanaovan-drate, iriha ty lehilahy mahere? Avy san'andro ty famindram-
pon'Andragnahare. [2]Misafiry famoteha ty fifelekao manahake ty hareza maragnitse, miasa amim-pitake.[3]Tea rate
mihoatse ty soa iriha vaho mavande manahake ze mitalily ty fahamarigna. Sela[4]Tea ty tsara iaby mandrava ty
hafa iriha, iriha ty fifelike mpamitake. [5]hamotike anao manahake zane zisikam-parane kea Andragnahare;
hangalake anao Re le hamongotse anaoa ao amy ty linao tsy ho eo amy ty tane ty velo. Sela[6]Hahisake zane avao
kea ty ndaty le hanohitse aze iareo le hitsara tihoe: [7]"Ingo, toy iaze lehilahy tsy nanao ahy ty Andragnahare ho
fitsolohane, te nitoke tamy ty hamaroa ty fanagnane, vaho nahere re laha re namotike ty hafa."[8]Te laha iraho
aloha, le manahake ty hetae oloiva maintso ao ajomban'Andragnahare raho; Hatoke ty famindragna'arofo ty
Andragnahare zisikam-parane agne raho. [9]hagnomey fitea Anao sake hariva raho amy zay vitanao. Handigny ty
Agnaranao eo amy ty fagnatreha ty vahoagnao masy raho, satria soa zane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 53Ho ahy ty mpagnonja antsa; atao Al-mahalath. Maskila ndre Davida.

[1]Ty biloka mirehake agnarofo tihoe: "Tsy misy Andragnahare." Mpanao rate iaby iareo vaho nahavita heloke
fahavetaveta; tsy misy manao ty soa. [2]Miondreke mivamba reo anagne ondaty bak'agne an-dagnitse
Andragnahare soa hivamba laha misy mahatkatse, ze mipay Aze. te nitsile iaby iareo. [3]Niarake niova ho mpanao
rate iareo. Tsy misy ze manao ty rate, na ty raike avao.[4]Nao reo ze manao rate tsy mana fahazavan-tsay le
reo___ze mandrava ty ndatiko manahake aiereo mihina mofo vaho tsy mikaike ahy ty Andragnahare iareo? [5]Tao
agnate ty tahotse bey iareo, na le tsy nisy antone tokone hampatahotse; te Andragnahare hanapatapake reo taola
ze hitoboke hanohitse anao; ty ndaty manahake zane le ho halam-baraka satria fa tsy neke ty Andragnahare
iareo rey.[6]Lonike vatagne le ho avy agne Ziona ty famonjea ty Israely! Lafa andesin'Andragnahare mimpoly
bak'amy ty faharesea ty ndatine, le ho ravoravo re jakoba vaho ho fale ty Israely!

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 54Ho ahy ty mpagnonja antsa; hampiarahy amy ty lokanga. Maskila ndre Davida; lafa avy reo Zifita vaho nitsara tamy ndre Saoly tihoe: "nao tsy namony ty vatagne niarake tamintika va re Davida?"

1 Vonje amy ty Agnaranao raho, ty Andragnahare, vaho zakao amy ty herenao. 2 Tsanogno ty fivavako, ty
Andragnahare; anongilagno ravimbia reo tsara ty vavako. 3 Te ndaty hafa firenena ro mitsanga hanohitse ahike,
vaho ty lehilahy tsy misy kefirigany ro magnidy ty fiaiko; tsy napipoke ahy ty Andragnahare teo agnoloane iareo.
Sela 4 Ingo, Andragnahare ro mpamonjeko; ty Tompo avao ro manoha ahike. 5 Hamale ty rare natao reo fahavaloko
Reke; Aravao iareo rey, amy ty fahatokianao. 6 Amy ty fagnatitse sitrapo ro hanaovako soro ho Anao; fisaora ro
omeiko ho Anao, ty yaveh, te soa zane. 7 Satria namonje ahike tamy ty loza iaby Reke; fa nahisake fandresea tamy
reo fahavaloko ty fanjoko


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 55Ho ahy ty mpagnonja antsa; ampirahy amy ty valiha. masikila ndre Davida.

[1]Manongilàgna ravimbia amy ty fivavako, Andragnahare e; vaho ko mivone vatagne amy ty fitaraignako.
[2]Tsanagno raho le valeo; tsy manam-pinjanogna raho amy reo porobolemoko[3]noho ty feogn'reo fahavaloko, noho
ty fampinjalea ty rate fagnahy; mampanday ahike fijalea ahike iareo vaho magnide ahike amy ty siake.[4]Mitititike
ty agnateko ty arofoko, vaho nipoke tamiko ty horohorom-pahafatesa. [5]Fa avy ty amiko ty fahatahora naho ty
fitititiha, vaho nandeteke ahike ty horohoro.[6]Nanao tihoe raho: "Endrey, laha mba nanagn'egnelatse manahake ty
voromahilala raho! Le niitily raho vaho ho amy ty fitofa. [7]Ingo, nirere lavitse vatagne raho ; nijano agne amy ty
tane tsy misy raraha. Sela[8]Namonje fitsoloha malaky amy ty tfio ty tioke naho rano ty oaram-baratse raho."
[9]Ravao ireo rey, ty Tmpo, ampiharo ty firehane! Te fa nahisake hirezaka naho fialia tao an-tanà
raho[10]Mandehandeha andro amy ty halike eo ambony ty lakoro vato zane rey, [11]Heloke naho sompatse ro
ampagnivao zane. faharatea ro eo agnivo zane; vaho tsy miala amy ty lalambey fampinjalea naho fitake.[12]Te tsy
fahavalo ro nrehake mafy ahike, laha tsy zane le afake niaritse avao raho; vaho tsy iaze nalay ahike ro nitsanga
hanohitse ahike, laha tsy zanele afake namony ty vatako raho tamine avao raho. [13]Te iriha loatse, lehilahy mitovy
sazoke amiko. namako ragniko loatse. [14]Nanao fiharia mamy itika; nandeha tao agn'ajomban'Andragnahare
niareke tamy ty ndaty tika.[15]Lonike ho avy amy iareo amy ty tsy ampoizy ty fahafatesa; lonike hizotso velo agne
amy ty Fiaigna_tsy hisake iareo, satria faharatia ro itoboha iareo, na aia na aia misy aiereo.[16]Laha iraho kea, le
hikaike ahy ty Andragnahare raho, vaho Yaveh hagnavotse ahike. [17]Mitoreo naho malahelo raho amy ty hariva, ty
maraindray naho ty antoandro; le haheno ty feoko Reke. [18]Hamonje ty fiaignako soa amntsara re amy ty aly ze
nanohitse ahike, te maro le maro reo ze niala tamiko.[19]Andragnahare, iaze manjaka zisikam-parane,vatagne
hitsano le hagnambane aiereo. Sela Tsy miova avao iareo, vaho tsy matahotse ahy ty Andragnahare.
[20]Nanondrotse ty tagna hamafoke reo ze nilongo tamine ty ragniko; tsy nagnanja ty fagnekeko ze nanagnane re.
[21]Nalama manahake ty dibera ty vavane, feie nalay ty arofone; naleme manahake ty menake ty resane, feie lane
ty natsatotsatoke rey.[22]Apoho amy ndre Yaveh reo enta-mavesatsao, vaho le hanoha anao Re; tsy hamela ty ndaty-
marene hangozohozo marine Reke. [23]Te Iriha, Andragnahare e, ro hampizotso ty rate fagnahy agne an-davake ty
fahapoteha; reo tahin-dio naho reo ndaty mpamitake le tsy hiay na ty ambakimira ty ahy hafa ka, te iraho kea
hatoke Anao.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 56Ho ahy ty mpagnonja antsa; atao Al-Jonath-elem-rehokim. Salamo natao ndre Davida. Miktama; tamy ty nisambora reo Filistina ane tagne Gata. Mamindrà arofo amiko, Andragnahare e te

[1]manafike ahike reo lehilahy! reo mialy amiko misery mafy ty fanafihane amy ty andro lava iaby. [2]Madia ahike andro lava iaby reo fahavaloko; te maro reo mialy amiko amim-piregeregea.[3]Laha matahotse raho, le hapoko aminao ty tokiko. [4]Amy ty Andragnahare ro fa nametrahako ty tokiko; tsy hatahotse raho; ino ro azo ze nofo avao atao amiko?[5]Mandika vila ty tsarako andro lava iareo; manohitse ahike amy ty fisaignan-rate iaby iareo. [6]Miharo iareo, le mivaza, le magnaran-dia ahike, satri mikilily ty fiaiko.[7]Ko apoke hilay amy ty fanaovan-drate iareo rey. Reseo amy ty siakinao rei ndaty, Andragnahare e [8]Magnisa ty firerireriko Iriha vaho manao ty ranomasoko ao antavoahanginao; nao tsy voasoratse ao amy ty bokinao va rey?[9]Vaho le himpoly reo fahavaloko amy ty andro ze ikaihako Anao; Haintso zane, te hialy ho ahike Andragnahare. [10]Amy ty Andragnahare__ro iantsako ty tsarane, amy Yaveh__ro iantsako ty tsarane, [11]amy ty Andragnahare ro itokiako, le tsy hatahotse raho. Ino ro azo ty ndaty atao amiko?[12]Ato amiko ty asa hamitako reo sarekiko aminao, Andragnahare e, homey fagnati-pisorogna ho anao raho. [13]Te fa namonje ty fiaiko tamy ty fahafatesa Iriha; nitanjake ty tomboko tamy ty filavoa Iriha, soa hazahoako mandeha eo agnatrehan'Andragnahare amy ty fahazava ty velo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 57Ho ahy ty mpagnonja antsa; atao Al-tashheth. Salamo natao ndre Davida. Miktama; laha nilay ahy ndre Saoly reke, tao agnate fandrike.

[1]Mamindrà arofo amiko, Andragnahare e, mamindrà arofo amiko, te hitsoloke aminao zisika itapera zao fahoria
zao. Mitoetse eo ambane elegnao ho aro raho zisike ijanogna zao faharava zao.[2]Hikoike mafe ahy ty
Andragnahare Ambo Loatse raho, ho ahy ty Andragnahare, ze manao ty zaka iaby ho ahike. [3]Handefa fagnampea
bak'agne an-dagnitse Re vaho hamonje ahike, masiake amy reo ze mamofoke ahike Re. Sela. Andragnahare
handefa ty hasoa fagnahine naho ty fahatokisane amiko.[4]Eo amy reo liona ty fiaiko; eo amy reo ze vonogne
hagnapake ahike raho. Eo amy reo ndaty ze mana nife manahake ty lefo naho kiditse raho, vaho ze mana lela
meso maragnitse raho. [5]Misondrota, ty Andragnahare, ambone ty lagnitse; lonike ho eo ambone ty tane iaby ty
hasinao.[6]namelatse harato ho ahy ty tomboko iareo; mijale raho. Ninhale lavake teo agnoloako iareo. Vaho ty
vatagn'iareo avao ro nilavo tao ampignivoa zane! Sela[7]Tafatoboke ty arofoko, Andragnahare e, tafatoetse ty
arofoko; hiantsa raho, eka,, hiantsa fiantsa raho. [8]Mifohaza, ty arofoko nomeinkasy; mifohaza, ty valiha naho
lokanga; hofohaziko ty mazava atignana.[9] Hagnomey fisaora ho Anao raho, ty Tompo, eo amy reo vahoake;
hiantsa fiantsa ho Anao raho eo amy reo firenena. [10]Te befoloay ty fitiavagnao tsy mete rava, manaka-dagnitse;
vaho ty fahatokianao manakatse ty hiboke. [11]Misondrota, Andragnahare e, ambone ty lagnitse; ty fahasoavanao
vatagne ho asondrotse magnera ty tane iaby



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 58ho ahy ty mpagnonja antsa; atao Al-tashheth. Salamo natao ndre Davida. Miktama.

1 Mitalilia ty fahamarigna vao nareo ty panapake? Mizaka amim-pahamarigna vao nareo, ty ndaty? 2 Oho, manao
ty faharatia ao agn'arofonareo nareo; mizara herizaka magnera ty tane amy ty tagnanareo nareo. 3 Magnia ty rate
fagnahy na le fone mboe tao an-troke ; magnia iareo nanomboke vo terake, amy ty fitalilia vande. 4 Manahake ty
poizy ty bibilava ty poizy iareo; manahake ty vioera maregny ze manampe sofy hahantsano, 5 Ze tsy miamby ty
feo ty mpihisa aoly na mahay manahake ty manao akore iareo. 6 Vakio agne am-bavane ty nife iareo,
Andragnahare e; poteho ty vange reo anake liona, Yaveh e. 7 Apoho iareo ho feno hanahake ty rano rarake; lafa
mandefa ty balakiditsine iareo, le lonike hanahake ty tsy misy lengone. 8 Lonike ho hanahake ty sifotse mitranake
iereo vaho vilasy, manahake ty ajaja tsy ampe vola ty ampela raike ze tsy mahisake zao ty tara-masoandro.
9 Miaolo ty hatsapa ty velagninao ty hafana magnoro ty fatike, le ho andesy amy6 ty tafio ty tioke reo, na ty fatike
maitso na ty fatike mirehitse. 10 Ty ndaty-mare hifale lafa mahasike ty famalian'Andragnahare re; hanasa ty
tomboneamy ty lio ty rate fagnahy re, 11 soa hitalily ty ndaty tihoe: "To vatagne; te misy Andragnahare ze mizaka
ty tane."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 59Ho ahy ty mpagnonja antsa; Al-tashheth. Salamo natao ndre Davida.

Miktama; lafa nagnirake re Saoly, le niamby ty ajomba soa hamonoa aze. [1]Afaho amy reo fahavaloko raho,
Andragnahareko e, apoho amy ty abo lavitse reo mitsanga hanohitse ahike raho. [2]Arovo amy reo mpanao heloke
raho, vaho avoto amy reo ndaty tea lio.[3]Te, ingo, mihevitse hikilily ty fiaiko iareo. Reo mpanao rate matanjakele
mikamba hanohitse ahike, feie tsy noho ty heloko na ty harateako, ty Yaveh. [4]Mioma hamono ahike iareo na le tsy
manam-pahadisoa raho; mifohaza vaho vonjea raho le jereo.[5]Iriha, ty Yaveh Aandragnahare tompo ty maro, iaze
Andragnahare ndr'Israely, mitsangana vaho lilivo reo firenena iaby, ko mamindra arofo amy ze mpanao meloke.
Sela[6]Mimpoly iareo hariva,mihiake manahake ty alika iareo vaho mandehandeha feno ty tanà. [7]Ingo,
mandrezatra amy ty vavane iareo; meso ro eo amy ty sognine, te nanao tihoe iareo: "Ia ro maheno anay?"[8]Te
Iriha, Yaveh, le mihomehe aiereo; ataonao fiheheza ty firenena iaby. [9]Andragnahare, hereko, hitsano Anao raho;
tilikamboko abo Iriha[10]Hihaona amiko ty Andragnahare miarake amy ty fagnekene matoke; Andragnahare ro
hamela ahike hahisake ty fagniriako amy reo fahavaloko. [11]Ko vonoa iareo, sao hagnaligno ty ndatiko.
Amparitaho iareo, Tompo fiaronay.[12]Noho ty fahota ty vavagn'iareo naho ty tsara ty sogn'iareo, le lonike ho
tsepahy iareo amy ty firengerengeane vaho amy ty ozo naho vande ro anehoane. [13]Ravao amy ty siakinao iareo,
ravao iareo soa tsy hisy sase; apoho iareo hahay te Andragnahare ro manjaka amy ndre Jakoba naho hatramy
reozoron-tane. Sela[14]Mimpoly iareo ty hariva, mihiake manahake ty alike mandehandeha fenoi ty tanà [15]Mirere
mipay hane iareo vaho mitro manahak ty alike laha tsy voke.[16]Te hiantsa mikasike ty herenao raho, vaho hiantsa
mikasike ty fiteanao tsy miova raho lafa maraindray! Te fiarova abo ho ahike Iriha vaho fitsoloha amy ty andro ty
fijaleako. [17]Ho Anao, ty hereko, ro hiantsa fiantsa; te Andragnahare ro fiarova abo ho ahike, iaze Andragnahare ty
famindram-po.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 60Ho ahy ty mpagnonja antsa; atao Shushan-Eduth. Miktama natao ndre Davida; ho fampianara. Laha nialy tamy ndre Syria Naharaima naho tamy ndre Syria Zobah, vaho Jakoba nimpoly le namono Edomita roa arivo tsy roale tagne an-dohabaibon-tsira.

1 Andragnahare e, fa nagnare anay Iriha; fa namakivake ty fiarovanay Iriha; masiake Iriha; ampolio ndraike
zahay. 2 Fa nampihovitsovitse ty tane Iriha; fa notetehinao zane; afaho ty triatrane, te mihozongozo zane.
3 Nampisake zaka sarotse reo vahoakenao Riha; Nampino anay divay mampivembe Iriha. 4 Ho ahy reo magnomey
asy Anao, le nampitsanga fagneva abaribare hanohera reo ze manday kiditse. Sela 5 Soa ho hahaavy reo teanao ho
voavonje, vonjeo amy ty tagnanao ankavana zahay vaho valeo raho. 6 Nitsara tamim-pahamasigna Andragnahare
tihoe: " Hiravoravo Raho; hizara ahy ndre Sekema Raho vaho hamaritse ty vavabaibo ndre Sokota. 7 Gileada, vaho
Ahike Manase; fiarovan-dohako avao kea re Efraima; Joda ro fitogno fiakignako. 8 Tavin-darno fanasako re Moaba;
magnera ahy ndre Edoma ro hanorahako ty kapako; hikoike am-pandrsea Raho noho re Filistia." 9 Ia ro handay
ahike ao amy iaze tagna mahere? Ia ro hitarike ahike handeha agne Edoma? 10 Te iriha, Andragnahare e, nao tsy fa
nagnary anay vao? Iriha tsy nandeha nialy niarake tamy ty tafikay. 11 Ampeo zahay hanohitse ty fahavalonay, te
zaka foagne ty fagnampea ty ndaty. 12 Handrese zahay miarake amy ty fagnampea ty Andragnahare;
hagnitsakitsake reo fahavalonay reke.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 61Ho ahy ty mpagnonja antsa; ampiarahy amy ty valiha. Salamo natao ndre Davida.

1Tsanogno ty toreoko, Andragnahare e; atreho ty fivavako.2 Zisik'agneamy ty fara ty tane ro hikaihako Anao lafa
feno ty arofoko; tariho agne amy ty vatobey ze abo mare noho iraho raho.3 Te Iriha ro fa fitsoloha ho ahike,
fiarova mafe amy ty fahavalo.4Apoho raho hitoboke ao amy ty tabernakelinao zisikam-parane! Apoho raho
hialoke ambane alogn'reo elagnao. Sela 5Te iriha, Andragnahare e, ro fa naheno reo sarekiko , fanagnomey ahike
ty lova reo ze magnomey asy ty Agnaranao Iriha.6Hagnalava ty fiaigna ty mpanjaka Iriha; hanahake ty taranake
mifandimby ty taonane. 7Hitotse eo agnatraha ty Andragnahare zisikam-parane reke.8Hiantsa fiantsa ho ahy ty
Agnaranao zisikam-parane raho soa hahazahoako mamita reo sarekeko sanandro.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 62Ho ahy ty mpagnonja antsa, arake ty fomba ndre Jedotona. Salamo natao ndre Davida.

1 Mandigne ahy ty Andragnahare arere am-pitisigna raho; bak'Amine ty famonjeako. 2 reke raike ro vatombeiko
naho famonjeako; Re ro fiarova abo ho ahike; tsy hangozohozo vatagne raho. 3 Zisikem-bia, nareo iaby, ro hanafike
ndaty, soa hahazahoanareo mampihozohozo aze manahake ty lakoro vato mivare na fefe mihozonkozo?
4 Nifamonje tamine raike iareo soa hagnambane aze amy ty fitobohana be asy; tea mirehake vande iareo; mitsipe
rano aze amy ty vavane iareo, feie mamatsy aze agne agn'arofone. Sela 5 Mandigne am-pitsingna any ty
Andragnahare raike avao raho; te mitoboke agne Amine ty fagnantegnako. 6 Re raike avao ro vatobeiko naho
famonjea ho ahike; Reke ro fiarovako abo; le tsy hangozohozo raho. 7 Ao amy ty Andragnahare ty famonjea ahike
naho ty hasiko; ty vatolampy ty hereko naho fitsolohako le ao amy ty Andragnahare. 8 Matokia Aze amy ty fotoa
iaby, nareo vahoake; hailigno eo agnoloane ty aforonareo; vaho ho fitsolohantika Andragnahare. Sela 9 Tsy misy
dikane vatagne reo ndaty ambane, vaho reo ndaty ambone le vande; ho maiva eo amy reo mizana iareo; laha
lanjay miarake, le maiva noho ty tsy misy iareo. 10 Ko matoke ty fampahoria na fandrava; vaho magnantegna
fanagna tsy misy dikane, satria hilanja ty vokane iareo; ko magnanky ty arofonao amy iareo. 11 Fa nitsara ndraike
mandeha Andragnahare, indroa ro nandrenesako zao tihoe: ahy ty Andragnahare ty here. 12 Anao avao kea, ty
Tompo, ro fagneke matoke, te Iriha ro mamale ty ndaty kiraikiraike bak'amy ze fa vitagne.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 63Salamo natao ndre Davida, laha re tagne amy ty tane tsy misy raraha ndre Joda.

[1] Ty Andragnahare, Iriha ro Andragnahareko! Mipay Anao mafe raho, mangetaheta Anao ty fagnahiko, vaho
magniry Anao ty arofoko, eo amy tane maike naho kanka ze tsy misy rano. [2]Le fa nivamba Anao tao amy ty ndaty
masy raho soa hahisake ty herenao naho ty hasiko.[3]Satria soa noho ty fiaigna ty famindram-poanao, le hiantsa
Anaoa ty sogniko. [4]Le hisaotse Anao raho laha mboe velo kea; hanondrotse ty tagnako amy ty Agnaranao raho.
[5]Zane le manahake ty tihoe iraho nitava hane nisy tsoka naho sabora; amy ty sogneko ravoravo ro hiantsako
Anao, [6]lafa mieritseritse ty mikasike Anao eo am-pandrea raho le mindinendineke Anao lafa halike.[7]Te fa
namonje ahike Iriha, vaho amy ty aloke ty elagnao ro iravoravoako. [8]Maditeke aminao raho; magnampe ahike ty
tagnanao ankavana.[9]Te reo ze mipay hanimba ty fiaignako le hizotso agne amy ty tapane ambane loatse ty tane;
[10]homea eo amy reo ze mampiasa ty meso egne an-tagnaene iareo, vaho ho lasa sakafo ho ahy reo amboahaolo
iareo.[11]Te ty mpanjaka hifale amy ty Andragnahare; ty ndaty iaby ze mifanta Amine le hirengerenge Amine, te ty
vava iareo ze mitalily vande hihile.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 64

Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo natao ndre Davida. [1]Tsanogno ty feoko, ty Andragnahare, tsanogno ty
fitaraignako; arovo amy ty tahotse reo fahavaloko ty fiaiko. [2]Avonio amy ty tetike mivone reo mpanao rate raho,
amy ty tabataba reo mpanao rate.[3]Fa nandragnitse ty lelane manahake ty meso iareo; fa nandroroytse ty bala-
kiditsine iareo, ty rehake mafaitse, [4]soa azoaha iareo mitifitse ty ndaty ze tsy misy tsikone bak'agne amy ty toera
mivone; vaho tampoke iareo ro mitifitse aze sade tsy matahotse na ino na ino.[5]Le nankahere ty vatane tamy ty
dineke raty iareo; niarake nidineke tsy mitabataba soa hametrake reo fandrike iareo; nanao tihoe iareo: "Ia ro
hahisake antika?" [6]Namoro heve-drate iareo; " fa vitanay,": hoy iareo, "iaze hevetse mipetrapetrake." Ty agnate ty
vetsevetse ty arofo ty ndaty le lalike.[7]Feie hekendre aiereo Andragnahare: haratse ty bala-kiditsene iareo. [8]Ho
lavo iareo, satria ty lela iareo avao ro hanohitse aiereo; ze iaby mahisake aiereo le hagnolikoly ty lohane. [9]Ty
ndaty iaby le hatahotse vaho hitalily ty asa befoloay Andragnahare. Hieretseretse am-pahendrea ze fa nataone
iareo.[10]Ty marene le ho fale ty amy Yaveh vaho hitsoloke ao amine; ty mahity agn'arofo iaby le hirengerengea
Amine.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 65Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo.

[1]Antsa ndre Davida. Ho anao, Andragnahare agne Ziona, ro lingnasa ty vavakay; hagnatanterake ty sarikinay
Aminao zahay. [2]Iriha ze mitsano vavake, ho avy eo Aminao ty nofo iaby. [3]Reo heloke handrese antika; laha reo
fandika-dilintika, le hamela rey Iriha.[4]Vototse ty ndaty ze nifily ty harinike Anao soa hazahoane mivelo ao an-
kianjanao. Le ho afa-po ty amy ty haso ty ajombanao, ty tempolinao masy zahay.[5]Amy ty fahamarigna ro hamalia
anay amy ty fanaova reo zaka-mahavere, ty Andragnahare ty famonjeanay; Iriha ze toky ty fiafara ty tane iaby
naho ty ahy reo ze lavitse riake.[6]Te Iriha ro nagnamafe ory reo vohitse, Iriha iaze manao fehin-troke amy ty here.
[7]Iriha romampitsy ty firaondrao reo onjane, vaho ty tabataba reo vahoake.[8]Reo ze mitoboke agne amy ty fara ty
tane le matahotse ty amy ty porofo reo asanao; Iriha ro mampifale ty atignana naho ty andrefa. [9]Avy hagnavotse
ty tane Iriha; tondrahinao zane; vaho ampitombinao mafe; feno rano ty sihanak'Andragnahare; magnampe voa
ho ahy ty ndaty Iriha lafa avy nagnoma ty tane.[10]Nanondrake rano reo tane voaasa ao amy zane Iriha; nametrake
reo sisy ty tane voaasa Irha; nampaleme zane tamy ty rano ty ora Iriha; mitahy reo tsimoke eo amy iareo Iriha.
[11]Manaro ty tao amy ty hasoanao Iriha; reo lala afara ty saretinao le mitsororoke havodraha amy ty tane. [12]Reo
ankata ao amy ty tane tsy misy raraha le mitsororoke ando, vaho reo kaboa le nisiky fifalea.[13]Feno aondre
miarake amy ty ose ty tane fihinana an-kata; voarisaro voa avao kea reo vavabaibo; mikoeke fifalea rey vaho
miantsa


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 66Ho ahy ty mpagnonja antsa. Antsa, Salamo.

[1]Manaova koikem-pifalea ho ahy ty Andragnahare, ty tane iaby; [2]miantsà mafe ty hasy ty Agnarane; omeo hasy ty
fiantsane.[3]Talilio Andragnahare tihoe: "Hehike matahotse reo asanao! Amy ty fahalehibeiza ty herenao ro
hagneke reo fahavalonao Anao. [4]Ty tane iaby hiasa Anao vaho hiantsa ho Anao: hiantsa ho ahy ty Agnaranao
iareo." Sela[5]Avia le vambao reo asan'Andragnahare; matahotse Reke noho reo asane befoloay amy reo anagne ty
ondaty. [6]Namalike ty riake ho tane maike Re; namavakevake ty sihane an-tomboke iareo; tane zahay ro
niravoravo tamine. [7]Manapake amy ty herene zisikam-parane Reke; Mandinike reo firenena ty fajone; lonike reo
mpilietse tsy hanondro-tegna. Sela[8]Magnomeza fisaora ho ahy ty Andragnahare, nareo ty ndaty, lonike ho heno ty
feo ty fiantsa Aze. [9]Reke ro mitahy antika amy ty velo, vaho tsy magnega ty tombontika holavo Reke.[10]Te Iriaha,
Andragnahare, fa nitsapa anay manahake ty fitsapa volafoty Iriha. [11]Nanday anay tao ampo ty harato Iriha;
napipoke enta-mavesatse teo am-balahanay Iriha. [12]fa nanao ty ndaty hagnitsake ty lohanay Iriha; namavakevake
afo naho rano zahy, nefa namoake anay ho agn agne amy ty toera midadasike Iriha.[13]Hizilike ao agn'ajombanao
amy ty fagnatitse oroa raho; havahako Aminao reo sarekeko [14]zay nampagnantenay ty sogneko naho ty nitalilia ty
vavako laha raho mboe tampo ty fijaleako. [15]Hagnomey ho Anao fagnatitse oroa biby mifaha miarake amy ty
hagnitse sitrake bak'amy ty aondrelahy raho; hagnomey aombelhy naho aoselahy raho. Sela[16]Mamonjea vaho
mitsanogna, nareo iaby zay matahotse ahy ty Andragnahare, vaho hotaliliko zay fanataone ho ahy ty fagnahiko.
[17]Nikaike Aze tamy ty vavako raho, vaho nantsay tamy ty lelako Re. [18]Laha nahisake ty faharatea tao agn'arofoko
raho, le tsy hitsano ahike ty Tompo.[19]Te mahaheno marene Andragnahare; te niamby ty feo ty fivavako Re.
[20]Isaora vantae Andragnahare, zay tsy nandietse ty fivavako na ty fagninane azo antoke tamiko

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 67Ho ahy ty mpagnonja antsa; ampiarahy amy ty valiha.

[1]Salamo, tognon'antsa. Andragnahare vantae hamindra arofo amintika le hitahy antika vaho hampamirapiratse
ty vatane amintika Sela [2]soa hahaiza ty lalanao stoy ambony ty tane, ty famonjea eo amy ty firenena iaby.[3]Lonike
ty ndaty hiantsa Anao, Andragnahare o ; lonike ty ndaty iaby hiantsa Anao. [4]Hehike reo firenena ho fale naho
hiantsa fifalea, te hitsara ty ndaty iaby amy ty fahitia Iriha vaho hanapake reo firenena etoy ambony ty tane.
Sela[5]Lonike ty ndaty Anao, Andragnahare o; lonike ty ndaty iaby hiantsa Anao. [6]Ty tane fa namoa ty vokane vaho
Andragnahare, Andragnaharenay ro nitahy anay.[7]Andragnahare fa nitahy, vaho ty zoron-tane iaby magnomey
hasy Aze.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 68Ho ahy ty mpagnonja antsa; salamo natao ndre Davida, tognon'antsa.

[1]Lonike hitsanga Andragnahare; lonike reo fahavalone ho hiele; lonike avao kea reo malay Aze hilay tsy ho eo
agnatrehane . [2]Manahake ty setroke miele, ro hampieleza aiereo; manahake ty savoke milo ampo afo, ro lonike
haharava ty raty fagnahy eo amy ty fagnatreha ty Andragnahare. [3]Te lonike kea ty ndaty to ho fale; lonike iareo
hifale eo agnloa ty Andragnahare; hiravoravo vantae iareo rey le ho fale.[4]Miantsà ho ahy ty Andragnahare!
Miantsà fiantsa ho ahy ty tahinagne! Antsao Iaze mandeha mamakivake reo tane lemake ty vavasahan-driake
Jordana! Yaveh ro tahinagny! Mifalea eo agnatrehane! [5]Rae ty bonde, mpitsatra reo vatontse iaze Andragnahare
agne amy ty fitoera masy. [6]Adragnahare mametrake ty arere ho amy y longone, andesine miboake amy antsa
antsa ty gadra; te ty mpilietsse monigne agne amy ty tane karakay.[7]Andragnahare o, laha niboake reo agnatreha
ty vahoakenao Iriha, lafa nandeha namakivake ty tane tsy misy raraha Iriha, Sela [8]le nititike ty tane; ty lagnitse
avao kea nitete ora tamy ty fagnatreha ty Andragnahare, tamy ty fagnatreha ty Andragnahare lafa avy tagne
Sinay Re, tamy ty fagnatreha ty Andragnahare, iaze Andragnahare ty Israely.[9]Iriha, Andragnahare o, ro nandefa
oram-bey; Iriha ro ampatanjake ty lovanao rerake zane. [10]Mitoboke ao ty vahoakenao; Iriha, Andragnahare,
nagnomey ty tsy mana tamy ty hasoanao.[11]Ty tompo ro nagnomey reo baiko, vaho tafike lehibey reo zay nitalily
zane. [12]- [13]Lomay reo mpanjaka ty tafike, nilay iareo, vaho nizara ty fandrava reo ampela niambe tao ajomba:
voromahilala voarakotse volafoty naho elatse volamena mavo. Lafa nitoboke tamy reo valan'aondre ty sasane
taminareo vahoake, le nanao akore ro manao zane nareo?[14]Nampiele mpanjaka tagne iaze Tsitoha, zane le tamy
ty nisia ty mika tagne amy ty vohitse Zalmona. [15]Vohitse mahere ro tagne kaboa ndre Basana; vohitse ambo ro
tagne havoa ndre Basana. [16]Nanao akore iriha ro mivamba am-pagniria, iriha ty tane havoa, ao ambony vohitse
zay niry ty Andragnahre ho toeram-pitobohane? Hitoboke zisikam-parane ao vantae Yaveh.[17]Roa aly reo sarety ty
Andragnahare, agn'aline ambony ty arivo; manahake ty tane Sinay ty Tompo. [18]Nihoatse ty ambo Iriha;
nandesinao reo resy; nandrambe fagnomeza bak'amy reo ndaty Iriha, te na bak'amy reo zay nialy taminao kea,
soa hitoetse agne, Iriha, Yaveh Andragnahare.[19]Isaora vantae ty Tompo, zay manday ty entantika san'andro
san'andro' iaze Andragnahare zay famonjea ho antika. Sela [20]Ty Andragnaharetika le Andragnahare magnavotse;
ty Tompo Yaveh ro iaze mahay magnavotse antika amy ty fahafatesa. [21]Te Andragnahare le hamofoke amy ty laha
reo fahavalone, amy ty volon-doha reo zay mandeha amy ty fandikan-dalàgna manohitse Aze.[22]Nanao tihoe ty
Tompo tihoe: "Ho andesiko mimpoly bak'agne basana reo fahavaloko; ho andesiko mimpoly bak'agne amy ty
halaly ty ranomasy iareo [23]soa hahazahoanao mamotike ty fahavalolanao, mampinjo ty tombokao annny ty lio,
naho soa hahazahoa ty lela reo amboanao hanan-jara amy reo fahavalonao."[24]Fa nahisake ty filaharanao raho,
Andragnahare o, le ty filahara ty Andragnahareko, mpanjakako, ao amy ty fitoera masy. [25]Reo mpiantsa ro
nandeha miolo nagnarake tao afara reo mpititiky valiha, vaho tagne ampagnivoane ro reo somondra tsy
nanambaly mpamofoko langoro tapake.[26]Isaory Andragnahare ao amy ty fiangano, miantsà ahy Yaveh, nareo ty
taranagn'Israely marene. [27]Misy ty voalohane le re Benjamina, iaze foko kele loatse, magnarake reo mpitarike
ndre Joda naho reo mpagnarake aiereo, reo mpitarike ndre Zebolona naho reo mpitarike ndre Naftaly.[28]Ty
Andragnaharanareo, ty Israely, le fa nandily ty tanjakao; asehoy anay ty herenao, Andragnahare o, manahake ty
nampisehoanao zane tamy ty fotoa fa lasa. [29]Asehoy anay bak'ao an-tempoly ao Jerosalema ho Anao, ty herenao.
[30]Mikoike amy ty aly hanohitse reo bibily agne ampo ty volotara, hanohitse reo ndaty, zane habetsaha ty
aombekahy naho anak'aome zane, Ataovo ambane iareo vaho ampandeso fagnomeza; abognaho reo ndaty zay
tea mananga aly. [31]Mpanjaka ro ho bak'agne Egypta; re Etiopia hampitsanga malaky ty tagnane ho agne amy ty
Andragnahare.[32]Miantsà ho ahy ty Andragnahare, nareo fanjaka ty tane; Sela Miantsà ho ahy Yaveh. [33]Ho Aze zay
miakatse amy ty lagnitse ty lagnitse, zay nisy hatramy ty fotoa taolo; ingo, Re mampianka-peo amin-kere.[34]Inao ho
ahy ty Andragnahare ty here; ahy ty Ysraely tty fiandrianane, vaho egne an-dagnitse ty herene. [35]Andragnahare o,
mahatahotse Iriha agne amy ty fitoeranao masy; iaze Andragnahare ty Israley__magnomey here naho tanjake ho
ahy ty vahoagne Re. Isaora vantae Andragnahare.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 69Ho ahy ty mpagnonja antsa; atao Shoshannim. Salamo natao ndre Davida.

[1]Vonjeo raho, Andragnahare o; te natao ty rano tahidiran-dazo ty fiaignako. [2]Milenteke ampo fotake laleke raho,
zay tsy ,isy toewra itsangana; ampo rano lalike raho, zay andehana ty ranobey.[3]Valaky amy ty fitareoko raho;
maike ty tendako; tsy maharitse eo am-pandignasa ahy ty Andragnahareko ty masoko. [4]Maro loatse noho ty volo
eo an-dohako reo malay ahike amy ty tsy misy dikane; reo manapake ahike, manao ahike ho fahavalo amy ty tsy
hitine, le mahere; zay tsy nangalariko zao, le tsy maintse ampolliko.[5]Andragnahare o, hainao ty fahadalako, vaho
tsy mivony aminao ty heloko. [6]Lonike reo zay miamby Anao tsy ho megnatse noho iraho, Tompo Yaveh tompo ty
maro; lonike reo zay fahasalara noho iraho, Andragnahare ty Israely.[7]Noho ty aminao ro nandesako latsa;
hegnatse ro manaro ty vatako. [8]Niova ho hara firenena raho amy reo rahalahiko, bahiny ho ahy reo ana ty
reneko. [9]Te ty fahazotoa ty ajombanao ro nandrapake ahike, vaho reo fandratia reo zay nirehake mafe ahike ro fa
naponao tamiko.[10]Lafa nitagny raho le tsy nahafihinankane, le nandraterate ahike iareo. [11]Lafa nataoko lamba
fisaogna ty fiikinako, le lasa tsy afake an-drehake tamy iareo raho. [12]Mirehake ty mikasike ahike reo zay mitoboke
eo amy ty vavahade ty tanà; antognon'antsa reo mamolava raho.[13]Te laha iraho aloha, le ho Anao ty fivavako,
Yaveh, ammy ty fotoa Zay hagninao; valeo amy ty fahamendreham-pitokia ty famonjeanao. [14]Sintono bak'ao amy
ty fotaky, vaho ko aponao ho hileteke raho; lonike raho ho voaalake lavitse reo zay malay ahike la ho
voasarombake bak'ao amy ty rano lalike. [15]Ko apoke, handeteke ahike reo tondra-drano, na ty lalike hitele ahike.
Ko apoko hagnily ty vavane eto amiko ty lavake.[16]Valeo raho, Yaveh o, te soa ty fagnekenao azo antoke; satria
maro reo famonjeanao tamiko, mitoliha atoy amiko. [17]Ko mamony vata amy ty mpiasanao, te ampo fijalea raho;
valeo malaky raho.[18]Mizotsoa amiko vonjeo raho. Noho reo fahavaloko, avoto raho. [19]Hainao ty fandratia ahike, ty
hegnatso, vaho ty hasalarako; magnoloa Anao iaby reo fahavaloko iaby.[20]Nandratse ty arofoko reo fagnambania;
feno havesara raho; mipay ndaty hiferignay raho, feie mba nisy; nipay mpampahere raho, feie tsy nahisake.
[21]Nagnomey ahike poizy iareo ho mahatajako; tamy ty harandranoko le vinengira ro nomey iareo.[22]Lonike ho avy
fandrike ty latabane eo agnoloa iareo; lafa miretseretse iareo te mitoetse tsy mana fisalasala, lonike zane ho avy
fandrike. [23]Lonike ty maso iareo ho maieke le tsy hahisake; vaho ataovo mihozohozo avao ty lambosy iareo.
[24]Araraho amy iareo ty sikinao vaho lonike ty fireheta ty sikinao hahatratse aiereo. [25]Lonike ho rava ty toera iareo;
ko apoke hisy itoboke ao amy ty laine.[26]Te magnenjeke mafy zay nasianao iareo. Mampimpolimpoly ty
fagnehitsehitsy reo zay voaratsinao iareo. [27]Mitanjake aiereo ho nahavita heloke miampy heloke; ko apoke ho avy
amy ty fandresea marene iareo.[28]Lonike iareo ho voafafa ao amy ty Boky ty fiaigna vaho tsy ho voasoratse
miarake amy ty ndaty-marene, [29]Nefa tsy mana naho malahelo raho; le lonike ty famonjeanao, Andragnahare o,
hampitoboke ahike amy ty ambone.[30]Hiantsa ty tahina ty Anadragnahare amy ty antsa raho vaho hanondrotse
Aze amy ty fisaora. [31]Tea ty Yaveh soa loatse mihoatse ty aombe naho ty aombelahy re manan-tsifa naho hotro
zane.[32]Fa nahisake zane ty malemy fagnahyle fale; iriha zay mipay ahy ty Andragnahare, lonike ty arofonao ho
velo. [33]Te Yaveh maheno ty mijale vaho tsy manao tsy misy dikane ty gadrane.[34]Lonike ty lagnitse naho ty tane
hiantsa Aze, ty ranomasy naho zay iaby mihetsiketsike ao amine. [35]Te Andragnahare hagnavotse ahy ndre Ziona
vaho hampitsanga ndraike reo tanà ndre Joda; hitoboke ao ty ndty le hanao zane ho fanagna. [36]Reo tarana ty
mpiasane handova zane; vaho reo zay tea ty Tehinane le hitoboke ao.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 70HO ahy ty mpagnonja antsa.

[1]Salamo natao ndre Davida, soa handay ho amy ty fahatiarova. [2]Vonjeo raho, Andragnahare o! YAveh o, miavia
malaky le avoto raho. Lonike reo zay mipay hikilily ty fiaiko ho megnatse naho salatse; lonike iareo rey hajano
naho ho avy amy ty fahasalara, reo zay mifaly amy ty fitsovotsovoko. [3]Lonike iareo rey, reo manao tihoe: "Aha,
aha."[4]Lonike zay iaby mipay Anao hifale naho ho ravo ao aminao, lonike reo zay tea ty famonjea hirehake
zisikam-parane tihoe: "Hantsay vantae Andragnahare." [5]Nefa tsy mana naho mijale raho; malaky amiko,
Andragnahare; Iriha ro vonje ho ahike vaho magnavotse ahike. Yaveh, ko ela.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 71

[1]Ao amianao, Yaveh, ro fitsolohako; ko amponao ho megnatse zao raho. [2]Vonjeo raho vaho lonike hitoboke tsy
mana fisalasala amy ty fahamarignanao; atongilagno amiko ty ravimbianao le avoto raho. [3]Metea ho vatobeiko
fitsoloha ho ahike so hazahoako mandeha; fa nagnomey baiko ty hagnavota ahike Iriha, te Iriha ro vatombey
naho batery fiarova ho ahike.[4]Vonjeo raho, Andragnaharo, amy ty tagna ty rate fagnahy, amy ty tagna ty tsy
marene naho lozabe. [5]Te Iriha ro fagnantegnako, Tompo Yaveh. Fa nitoky taminao avao raho hatramy ty raho
mboe ajaja[6]Iriha ro nagnankigna ahike hatragny an-troke; Iriha ie zay nangalke ahike an-tron-dreneko; ho
aminao avao ty antsako. [7]Fitaratse ho ahy ty ndaty lahialy raho; Iriha ro fitsolohako mafe.[8]Ho feno fiantsa Anao ty
vavako, ty andro iaby amy ty hasinao. [9]Ko magnary ahike amy ty fotoa ty hahantitse; ko mahafoe ahike lafa
valake ty hereko.[10]Te miresake ty mikasike ahike reo fahavaloko; reo zay mikilily ty fiaiko miarake mitetike rate.
[11]Nanao tihoe iareo: "Nahafoe aze andragnahare; enjeho re vaho alao, te tsymisy ndaty hagnavotse
aze."[12]Andragnahare, ko magnalavitse ahike; Andragnahare, maaky hagnavotse ahike. [13]Lonike iareo ho megnatse
naho rava, reo zay feno falaigna amy ty fiaiko; lonike iareo rey ho feno faharatia naho fahasalara, reo zay mipay
ty haferiko.[14]Te iraho kea le hagnantegna zisikam-parane Anao vaho hiantsa Anao avao. [15]Hitalily ty mikasiky ty
fahamarignanao naho ty famonjeanao andro raike ty vavako, na le tsy takatso zane. [16]Ho avy raho amy reo asa
mahare ty Tompo Yaveh; hanogno ty fahgamarignanao raho, te Anao arere.[17]Andragnahare o, fa nampianatsy
ahike Iriha nanomboke ty hampamarakiko; hatramy zao kea le mitalily reo asanao mahavere raho. [18]eka vantane
te na le antitse naho foty volo kea raho, Andragnahare o, le ko mahafoe ahike, satria fa nampahafantatse ty
herenao tamy ty taranake mandimby raho, ty fahefanao tamy zay iaby ho avy.[19]Ty fahamarignanao avao kea,
Andragnahare o, le vantane ambone; Iriha zay nanao zaka-bey, Andragnahare o, ia ro manahake Anao? [20]Iriha
zay nampiseho anay fijaliako mahere vaike maro ro hamelo anay naho hampiakatse agne bak'amy ty alaly ty
tane ndraike.[21]Hampitombo ty hasiko vantae Iriha; mitoliha ndraike le herezo raho. [22]Hagnomey fisaora ho anao
kea raho amy ty lokanga noho ty fahamendreham-pitokisanao, Andragnahareko; ho Anao ro hiantsako fiantsa
amy ty lokanga, Iaze Masy ty Israely.[23]Hintsa ty sognike lafa miantsa fiantsa ho Anao rao__na le ty fagnahiko kea,
zay fa nivonjeanao. [24]Hitalily mikasiky ty fahamarignanao andro lava ty lelako; te fa nomegnarinao iareo vaho
vere hevitse, reo zay nipay ty faharatrako.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 72Salamo natao ndre Solomona.

[1]Omeo ty mpanjaka reo lalàgnanao marene, Andragnahare o,ty fahamarignanao ho ahy ty anandahy ty
mpanjaka. [2]Hitsara ty ndaty amy ty fahamarigna vantae re vaho ty mahantranao amy ty hitine. [3]Hamoa
fiandagna ho ahy ty ndaty vantne reo vohitse; hamoa fahamarigna vantane reo havoa.[4]Hitsara ty tsy mana amy
ty vahoake vantane re; hagnavotse reo anake ty mijale vantane,rele hamotike ty mpampinjaly. [5]Hagnomey hasy
Anao vantane iareo laha mboe eo kea ty masondro, vaho laha mboe maharotse kea ty vola magnera ty taranake
hifandimby iaby.[6]Hirotsake manahake ty ora egne amy ty ankata voatapake vantane re, manahake ty fiavia ty ora
zay manondrake ty tane. [7]Hamone amy ty androne vantane ty ndaty marene, vaho hisy fiadagnam-bey vantane
ambara-paharava ty vola.[8]Hana fanapaha amy ty ranomasy mandeha agne amy ty ranomasy vantane re.
[9]Handolohalike eo agnatrehane vantane reo mitoboke agne amy ty tane tsy misy raraha; hisolelake lemboke
vantane reo fahavalone. [10]Reo mpanjaka ndre Tarsisy naho ty ahy reo nosy vantane handoa haba; reo mpanjaka
ndre Sheba naho Seba vantane hagnomey fagnomeza.[11]Ho lavo eo agnatrehane loatse vantane reo mpanjaka
iaby; hiasa aze vantane reo firenena iaby. [12]Te magnavotse ty ndaty mijale zay mitoreo naho ty ndaty tsy mana
zay tsy mana mpagnavotse hafa re.[13]Mamindra arofo amy ty tsy mana naho mijale, vaho magnavotse ty fiay ty
ndaty mijaly. [14]Mamonje ty fiay iareo amy ty fampijalea naho herezaka re, vaho lafovily eo amasone ty lio iareo.
[15]Ho velo vanmtane re! Homey Aze vantane ty volamena ndre Sheba. Hivavake ho aze avao vantane ty ndaty;
hitahy aze andro lava vantane Andragnahare. [16]Hisy hamaroam-bare vantane egne amy ty tane; egne amy ty
ambony ty vohitse vantane ro hisy vole iareo. Hanahake andre Libanona vantane ty voka zane; hamony
manahake ty ankata ty saha vantane ty ndaty ao an-tanà.[17]haharitse zisikam-parane vantane ty agnarane;
haharitse manahake ty masoandro vantane ty tahinany; ho voatahy ao amine ty ndaty; hikaike Aze tihoe vototse
vantane ty firenena iaby.[18]Isaora vantane YAveh Andragnahare, iaze Andragnahare ty Israely, zay Re arere ro
manao zaka-mahavere. [19]Isaora zisikam-parane vantane ty agnarane bey hasy, vaho ho feno ty hasine vantane ty
tane iaby. Amen le Amen. [20]Tapitse ty fivavaha ndre Davida anandahy ndre Jese. Boky fahatelo


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 73

[1]Salamo natao ndre Asafa. Azo antoke vantane te Andragnahare le soa ho ahy ty Israely, ho ahy reo malio arofo.
[2]Te laha irahao aloha, le faho nidorisatsy tyy tomboko; faho nilavo ty liako [3]satria nagniry ty mpiregerege raho
laha nahisake ty havotara ty raty fagnahy.[4]Te tsy soa mijaly iareo zisikam-parane, te le mahere naho voafaha soa.
[5]Afake amy ty enta-mavesatse ty lehilahy hafa iareo; tsy mijaly manahake ty ndaty hafa.[6]Mandravake aiereo
manahake ty ravake eo amy ty vozone ty firegeregea; ty herezaka ro isikinane manahake ty akanjo. [7]bak'amy ty
fahagoa manahake zane ro hiboaha ty haratia; mamakivake ty araofo iareo ty eretsere-draty.[8]Magnambane naho
mirehake rate iareo; amy ty fiavognavogna ro agnorohoroa iareo fampijalia. [9]Ampijaly iareo ty lagnitse ty
vavane, vaho mamakivake ty tane ty lela iareo.[10]Noho zane le mitolike amy iareo ty ndaty rano bey ro vaovory.
[11]Nanao tihoe iareo: "Manao akore ro hahalala ty Andragnahare? Nao misy fahalala ao amy ty Ambone Loatse?"
[12]Safirio soa: rey ndaty zisikam-parane iareo rey, lasa mpanam-panagna le manam-panagna.[13]Zaka-foa le zaka-foa
ty niambenako ty arofoko naho ty nanasako tagna tamy ty fanagnan-tsiny. [14]Te nampijaly andro lava raho vaho
nisazy sake maraindray. [15]Laha nitalily raho tihoe: "Hotaliliko reo raraha reo," le fa namalike toy taranake
mandimby ty anagnao toy raho.[16]Na zane kea le niezake nanakatse reo raraha reo raho, vantane sarotse tamiko
anefa zane. [17]Kea nandeha tao am-pitoera masy ty Andragnahare raho le avy nahatakatse ty nahazo aiereo.
[18]Napetrako tamy ty toera malama loatse iareo; niambanenao tamy ty faharava iareo. [19]Feie te avy tane tsy misy
raraha iareo tagnate ty fotoa fohike! Avy amy ty fahatapera iareo le mijano amy ty horohoro raty. [20]Manahake ty
nofe afara ty fifohaza iareo; Tompo, lafa mirene Iriha tsy hihevitse na ino na ino amy rey nofy rey.[21]Te nalahelo ty
arofoko, vaho naratse mafe raho. [22]Tsy nahalala raho vaho tsy mba lalin-tsay; manahake ty biby tsy misy antone
raho magnoloa Anao.[23]Feie raho miarake aminao avao mitajake ty tagnako ankavana Iriha. [24]Hitarike ahike amy
ty torohivitsao Iriha vaho afara zane le handrambe ahike amy ty hasy.[25]Mana an'ia afa-tsy Iriha moa raho agne
an-dagnitse? Tsy misy iriko afa-tsy Iriha etoy ambony ty tane. [26]Miha-valake ty nofoko naho ty arofoko, te here ty
arofoko zisikam-parane Andragnahare.[27]Ho rava reo zay lavitse Anao; ho ravanao zay iaby tsy matoky Anao. [28]Te
laha iraho aloha, ty tokone anoeko le mamonje ahy ty Andragnahre. Fa nanao ty Tompo Yaveh ho fitsolohako
raho. Hagnamabara reo asanao iaby raho.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 74Maskila natao ndre Asafa.

[1]Andragnahare o, Nanao akore ro le nandà anay zisikam-parane Iriha? Nanao akore ro mirehitse amy ty aondre
ty fihinana anakata ty sikianao? [2]Tiarovy ty ndatinao, zay nanjehinao tamy ty fotoa taolo, ty arofoko zay fa
navotanao soa ho lovanao manoka, naho ty vohitse Ziona, zay onenao.[3]Avy hivamba ty faharava iaby, ty
fahasimba iaby zay natao ty fahavalo tamy ty fitoboha masy. [4]Mitro eo ampagnivoa fitoera voatondronao reo
fahavalonao; mametrake ty say ty aliny. [5]Nanapake amy ty famaky manahake ty agne amy ty ala mateve iareo.
[6]Namotipotike naho nandrava reo sokitse iaby; nivaky iareo tamy ty famaky naho tantagna.[7]Magnoro ty
fitobohanao masy iareo; mametaveta ty fitobohanao, manota zane amy ty tane. [8]Nanao tihoe iarao." Hopotehinay
iaby iareo iaby." Noroa iareo iaby ty toera fihaogna iaby tegne amy ty tane.[9]Tsy mahisake famantara sase zahay;
tsy misy mpitoky sase, vaho tsy misy aminay mahay zay hahareta zane. [10]Zisikim-bia, Andragnahare o, ro
handefasa reo fahavalo tera agne aminao? Nao hirehake rate ty Agnaranao zisikam-parane vao iareo? [11]Nanao
akore Iriha ro mitajake ty tagnanao, ty tagnanao ankavana? Afaha ao ampo akanjonao ty tagnanao ankavana le
aravao iareo.[12]Nefa Andragnahare le mpanjakako fa hatramy ty taolo, manday famojea amy ty tane. [13]Iriha ro
nampisarake ty ranomay tamy ty herenao, Iriha ro namotipotike ty lohany reo drago ty ranomasy tao ampo rano.
[14]Iriha ro nanorotoro ty loha reo leviatana; Iriha ro namaha aze ho amy reo velo tagne amy ty tane tsy misy
raraha. [15]Iriha ro nampiboake loharano naho riana; Iriha ro nandritse ty sihanake manadeha.[16]Gnanao ty andro,
vaho Gnanao kea ty halike; Iriha ro nametrake ty masoandro amy ty vola amy ty toerane. [17]Iriha fa nametrakereo
zoron-tane iaby; Iriha fa nanao ty litsake naho ty asotry.[18]Tiarovo ty fomba nandratiratia ty fahavalo Anao, Yaveh,
vaho reo ndaty biloka zay fa nitsara rate ty agnaranao. [19]Ko apoke eo amy ty bibily ty fiay ty voromahilalanao. Ko
magnaligno ty fiay reo ndatinao nampiajaly zisikam-parane.[20]Tiarovo ty fagnekenao, te ty toera maike amy ty
tane le feno toera ty herezaka. [21]Ko apoke himpoly amy ty hegnatse reo nampijaly; apoho hiantsa ty agnaranao ty
tsy mana naho nampijaly.[22]Mitsangàna, Andragnahare o; arovo ty hasinao manoka; tiarovo fomba nandratiratia
ty biloka Anao andro lava. [23]Ko magnaligno ty feo reo mpialy amianao na ty korakora reo zay mikaiky Anao tsy
mijano.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 75Ho ahy ty mpagnonja antsa; atao Al-tashheth. Salamo natao ndre Asafa, tognon-kira.

[1]Saotra ro omeinay Anao, Andragnahare o; saotra ro omeinay, satria magnambara ty fagnatrehanao Iriha; ty
ndaty mitalily reo asanoa mahavere. [2]Hitsara ara-drarine raho amy ty fotoa voatendre. [3]Na le hihovitsivitse amy
ty ty tahotse kea ty tane naho reo vahoake iaby, le hamafisiko reo fiankina ty tane. Sela[4]Nanao tihoe tamy ty
mpiavognavo raho: "Ko mivognavognavo," vaho amy ty rate tagnahy tihoe: "Ko manondrotse ty tsifa. [5]ko
manondrotse ty tsifanao amy ty ambone; ko mirehake amy ty hatoke mpagnambane." [6]Tsy bak'agne atignana
zane na kea bak'agne andrefa, vaho tsy bak'agne amy ty tane tsy raraha ro niavia zane fanandratana zane.[7]Te
Andragnahare ro mpitsara; Re ro megnatse vaho Re ro manondrotse. [8]Te Yaveh mitajake amy ty tagnane kapoaka
ty divay mandroatse, zay voaharo hagnitse, naho magnily zane. Hino zane hatramy ty kafone vantane ty rate
fagnahy iaby amy ty tane.[9]Te iriha kea hitalily avao zay fa nanoenao; hiantsa fiantsa ho ahy ty Andragnahare
ndre Jakoba raho. [10]Nanao tihoe Re: "Hanapake ty tsifane ty rate fagnahy iavy Raho, te ty tsifa ty ndaty to ho
asondrotse ambone."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 76Ho ahy ty mpagnonja antsa, amy ty lokanga.

[1]Salamo natao ndre Asafa, tognon'antsa. [2]Nampahafantatse ty vatane tao Joda Andragnahare; lehibey ao Israely ty
Agnarane. Ao Salema ty laine; ao ziona ty toera fitobohane. [3]Tane Re ro nanapake reo bala-kiditsine, ty fiaro,
meso, vaho ty reoi fitaovam-pialia hafa. Sela[4]Mamirapiratsy ty fahazavanao vaho mitalily ty hasinao Iriha, laha
mizotso bak'agne amy reo vohitse, tagne amy zane namonoanao reo niharam-boy. [5]Voababo ty mahere arofo; le
renoke iareo. Tsy afake nanohitse ty mpialy iaby.[6]Tamy ty firehafanao mafy, Andragnahare ndre Jakoba, le sambe
renoke ty torimaso na mpijo na ty soavaly. [7]Iriha, egne Iriha, ro hatahora; ia ro afake hitsanga eo amasonao lafa
masiake Iriha?[8]Bak'agne andagnitse ro nampandrenesanao ty fitsarànao; natahotse naho nitsy ty tane [9]laha igny
Iriha, ty Andragnahre, nitsanga hagnatanterake ty fitsarà naho hagnavotse zay nammpijalia iaby ty tane.
Sela[10]Handay fiantsa ho Anao vantane ty fitsaranao masiake amy ty ndaty; tanjahanao ho ahy ty vatanao ty sisa
amy ty siakinao.[11]Manaova sareke amy Yaveh Andragnaharenao vaho tàjaho rey. Handay fagnomeza ho aze zay
hatahora vantane reo iaby zay magnodidy Aze. [12]Manapake ty fagnahy reo mpanjaka Re; vaho hatahora reo
mpanjaka ty tane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 77Ho ahy ty mpagnonja antsa; arake ty fomba ndre Jedotona. Salamo natao ndre Asafa.

[1]Hikaike mafe ahy ty Andragnahare amy ty feoko raho; Hikaike ahy ty Andragnahare amy ty feoko raho, vaho
hahatsano ahike ty Andragnahareko.[2]Nipay ty Tompo raho tamy ty adrom-pijaleako; nampitsanga ty tagnako
raho lafa halike, vaho tsy nete vozake reo. Tsy nete nampionone ty fagnahiko.[3]Nieretseretse ahy ty Andragnahare
teo am-pisentoa raho; lafa niha antitse raho le nieretseretse ty mikasike Aze. Sela[4]Nitajake ty masoko hisokatse
iriha; mijale vantane raho laha hirehake. [5]Nieritseritse reo andro ntaolo raho, reo fotoa maro lasa.[6]Agnate ty
halike le nahatsiaro iaze hira niraiko ndraike mandeha raho. Nandinike soa raho vaho niezake nanakatse zay
niseho. [7]Handá ahike zisikam-parane vao ty Tompo? Tsy hotea ahike sase vao re?[8]Nao tsy fa lasa zisikam-prane
vao ty fiteane matoke? Nao tsy fa rava zisikam-parane vao ty fampagnantegnane? [9]Nao ty siakine vao fa nagily ty
fangoraha ty arofone? Sela[10]Nanao tihoe raho: "Zao ro alaheloko: le ty fiova ty tagna ankava iaze Ambone Loatse
mandeha amintika."[11]Te hotiarako reo asanao, Yaveh; hisafe ty amy reo asanao mahavere ntaolo raho.
[12]hametsevetse reo asanao iabby raho le handinke aiereo.[13]Ty lalanao, Andragnahare o, ro masy; andragnahare
ino moa ro ampitovizy amy ty Andragnaharenay lehibey? [14]Iriha iaze Andragnahare zay manao haveregna; fa
naneho ty herenao teo amy reo ndatinao iriha. [15]Nagnomey fandresea ty vahoakenao tamy ty alala ty herenao
lehibey Iriha__le reo tarana ndre Jakoba naho Josefa.[16]Ty rano nahisake anao, Andragnahare o; nahisake anao ty
rano, vaho le natahotse; nihorohoro ty lalike. [17]Nagnily rano ty ora ty hiboke. Ty habakabake feno hiboke
nampimboake feo; Nizatse ty kiditsinao[18]Ty feonao mangotroke le tsano amy ty tioke; ty helatse nagnazava ty
tane; nihorohoro naho nihozohozo ty tane. [19]Nandalo tamy ty ranomasy ty lalanao vaho lianao tamy ty rano
magnonja, feie tsy hisake ty lian-tombonao. [20]Nanday ty vahoakenao manahake ty biby fiahare tamy ty alala ty
tagna ndre Mosesy naho Arona Iriha.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 78

[1]Maskila natao ndre Asafa. Mihenoa ty fampianarako, Vahoakako, heno reo tsara amboaky ty vavako. [2]hanokatse
ty vavako amy ty fagnohara raho; hiantsa mikasike reo zaka-mivony mikasike ty lasa raho.[3]Reo le raraha fa renay
nsho fs nianaranya, zaka zay fa nitalily reo razambeinay anay. [4]Tsy hamony rey amy ty taragnane zahy. Hitalily
amy reo taranake mandimby reo asa maeva-piantsa natao Yaveh, ty herene, vaho reo zaka-mahavere fa vitane
zahay.[5]Te nametrake lilim-pagnekea tamy ndre Jakoba Re, vaho nanendre lalàgna tagne Israely. Nandily reo
razambeinay Re soa hampianatse reo amy reo anane. [6]Nandily zane Re soa hahay reo taranake hisolo reo liline,
le reo anake mboe tsy terake , zay takone hitory zane amy ty anagn'iareo avao.[7]Vaho hametrake ty fagnantegnane
amy ty Andragnahre iareo le tsy hagnaligno reo asane, te hiamby ty liline. [8]Le tsy hanahake reo razambeine, zay
mafe hatoke naho taranake mpilietse, taranake zay tsy mahity arofo, vaho zay tsy nagnomey ty fagnahine naho
nitoky tamy ty Andragnahare iareo.[9]Reo Efraimita le nanday kiditsy, nefa nihemotse iareo tamy ty andro ty aly.
[10]Tsy niamby ty fagnekea tamy ty Andragnahare iareo, vaho nandà ty hagnina ty lalàgnane. [11]Nagnaligno reo
asane, reo zaka-mahavere zay nasehone aze iareo.[12]Nagnalino reo zaka-mahavere zay nataone teo amaso reo
razambeine, tagne amy ty tane Egypta, tagne amy ty tane ndre Zoana iareo. [13]Nagnasarake ty ranomasy Re vaho
nanday aiereo namkivake zane;' nataone nitsanga manahake ty lakoro vato ty rano.[14] Hiboke ro nitarihane aiereo
lafa andro, vaho tamy ty afo mazava lafa halike.[15]Namaky reo vatombey tagne amy ty tane tsy raraha Re, vaho
nagnomey rano bey le bey aiereo, ampy hamenoane ty halaly ty ranomasy. [16]Nampandeha rano bak'amy ty
vatombey Re vaho nanoene nandeha manahake ty vavarano zane.[17]Feie mboe nanohy haratia tamine avao iareo,
filiera tamy iaze Abo loatse tagne amy ty tane tsy misy raraha. [18]Nikaike ahy ty Andragnahare tamy ty arofone
iareo, tamy ty alala ty fangataha mahatajake soa hahavoky aiereo.[19]Nirehake nanohitse ahy ty Anadragnahare
iareo; nanao tihoe iareo: "Afake mamelatse latabatse ho anay agne amy ty tane tsy misy raraha vantane vao
Andragnahare? [20]Ingo, laha namaky ty vatombey Re, le nirarake ty rano vaho nandeha nandeteke. Feie afake
magnomey mofo avao kea vao Re? Hagnomey hena ho ahy reo vahoakine vao Re?"[21]LAfa heno Yaveh zane, le
masiake Re; le nagnoro ahy ndre Jakoba ty afone, vaho namofoke ty Israely ty siakine, [22]satria iareo le tsy nino
ahy ty Andragnahare vaho tsy natoky ty famonjeane.[23]Nefa nandily ty habakabake ambony Re vaho nanokatse ty
varavara ty lagnitse. [24]Nagnily mana manahake ty rano ty ora soa hohany iareo Re, vaho nagnomey vare aiereo
bak'agne an-dagnitse. [25]Nitava ty mofo reo anjele ty vahoake. Nandefa sakafo bey le bey ho aiereo Re.[26]Nampitioke
ty tioke bak'agne atignana tegne amy ty habakabake re, vaho tamy ty alala ty herene ro nibaikone ty tioke
bak'agne atimo. [27]Nandaatsake hena tao amy iareo manahake ty fasiky ty ranomsy. [28]Reo le nilatsake teo
ampagnivo ty kiaja iareo, nagnodidy reo laine iaby.[29]Vaho le nitava iareo le vooke. Nomey aiereo nirine mafe.
[30]Feie mboe tsy afa-po avao iareo; ty hanine feie mboe tsara am-bavane.[31]Le namofoke aiereo ty helo ty
Andragnahare vaho namonio ty matanjake loatse tamy iareo. Nandavo reo mpamaraky ty Israely Re. [32]Na teo kea
zane, le mboe nanao raty avao iareo, vaho tsy nino reo asane mahavere.[33]Noho Zane Andragnahare nagnafohike
ty androgn'Iareo; vaho feno horohoro ty taonane. [34]Na ombia na ombia nampijaly ty Andragnahare iareo, le
nanomboke nipay Aze, vaho nimpoly nipay Aze mafe.[35]Ho tiaro iareo te Andragnahare ro vatombey iareo vaho
iaze Andragnahare Ambony Loatse ro mpamonje aze. [36]Nefa hanao tegne malemy Amine iareo vaho havande
Amine amy ty tsara iareo. [37]Satria ty araofo iareo le tsy mboe nipitike iaby tamine, vaho iareo le tsy natoky ty
fagnekene.[38]Te re kea, amy ty maha mpamindra arofo, le namela ty helok'iareo vaho tsy namotike aiereo. Eka,
matetike Re ro mitanjake ty siakine, vaho tsy nagnetsike ty siakine iaby.[39]Tiarone te iareo le vita tamy ty nofotse,
tioke mandalo vaho tsy mimpoly sase. [40]Impiry moa iareo ro nilietse hanohitse Aze tagne amy ty tane tsy misy
raraha vaho nampalahelo Aze tagne amy ty tane maike![41] Nikaike ahy Yaveh avao le nanafitohy iaze Masy ty
Israely.[42]Iareo tsy mbo nisafe ty amy ty herene, zay nagnavotane aiereo tamy ty fahavalone [43]laha nagnatanterake
reo famantarane mapihorohoro tagne Egypta naho reo haveregnane tagne amy ty faritane ndre Zoana Re.
[44]Navaline ho lio ty rano ndre Egypta soa tsy hahazahoa iareo mino eo amy ty vavaranone. [45]Nandefa lalitse maro
zay nandrava aiereo Re vaho tsaboketra zay niele tamy ty tane iareo. [46]Nomey ty sompanga ty fambolea iareo
vaho ty asane nomeine ty valala.[47]Nipotehine tamy ty havandra ty voalobogn'Iareo vaho ty amontane tamy ty
havandra maro. [48]Nandrarake ty havandra tyamy ty biby fihare iareo naho hotroke tamy ty aondre amy ty osine
Re. [49]Namofake aiereo ty firehata ty siakine. Nandefa heloke, siake, vaho fahoria manahake ty raike manday loza
Re.[50]Nagnamarine ty lala ho ahy ty siakine Re; tsy niaro aiereo ntamy ty fahafatesa Re; te kea nagnomey aiereo
teo amy ty arete-mandrava. [51]Namono ty taolagnolo lehilahy iaby tao Egypta Re, ty voaloha ty terake ty here iareo
tao an-day ndre Hama.[52]Nanday ty ndatine niboake manahake ty aondre Re vaho nitarike aiereo tagne amy ty
tane tsy misy raraha manahake ty andro maro. [53]Nandesine am-pilamina iareo le tsy natahotse, te ty ranomasy
nagnempotse reo fahavalone.[54]Vaho nanday aiereo tagne amy sisy ty tane masy Re, tamy zane vohitse zay azo ty


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

tagnane ankavana zane. [55]Nandroake reo firenena teo agnoloa iareo Re vaho nanendre rey ho lovane. Nametrake
reo foko ty Isaely tao an-day iareo Re.[56]Feie nikaike naho nandà iaze Andragnahare Ambone Loatse iareo vaho tsy
naimby reo lily masine. [57]Tsy natoke iareo vaho nivalike manahake reo razane; nivio manahake ty kiditse iareo.
[58]Satria iareo nampasiake Aze tamy ty fitoera ambone iareo vaho nikaike ty farahine tamy reo sampe. [59]Lafa
nahare zane Andragnahare, le masiake naho nandà vantane ahy ty Israely.[60]Nagnenga ty fitoerane masy tao Silo
Re, iaze zay nitbohane tao amy reo vahoake. [61]Napipoke ty tanjane ho obdevo Re, vaho nagnomey ty hasine ho eo
an-tagna ty fahavalo.[62]Nagnomey ty ndatine ho amy ty meso Re, vaho masiake tamy ty lovane. [63]Ty afo nandrava
reo mpamarakine, vaho reo somondrarane tsy soa mana antsa fampakiara.[64]Lavo ty meso reo mpisorone, vaho
tsy naha-tagny reo vantotsy iareo. [65]Bak'eo le nifoha manahake ty baka natory ty Tompo, manahake ty mpialy
mikaikaike noho ty divay. [66]Le nandroake reo fahavalone Re; vaho nametrake aiereo ho amy ty hegnatse zisikam-
parane.[67]Nihejine ty lay ndre Josefa, vahjo tsy nifily ty foko ndre Efraima Re,. [68]Ty foko ndre Joda naho ty vohitse
Ziona teane ro nisafiline [69]Nagnory ty fitoeerane masy manahake ty lagnitse re, vaho manahake ty tane zay fa
naorine zisikam-parane.[70]Nifily ahy ndre Davida, mpiasane Re, vaho nangalake aze bak'agne am-balan'aondre .
[71]Nangalake aze bak'amy ty fagnaraha reo aondre vave miarake amy ty anane Re, vaho nanday aze ho mpiambe
ahy ndre Jakoba, vahoakane, naho ahy ndre Israely, lovane. [72]Niamby aiereo tamy ty fahitia ty arofone re Davida,
vaho nanday aiereo tamy ty fahaiza ty tagnane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 79Salamo natao ndre Asafa.

[1]Andragnahare o, firenena hafa ro fa avy eo amy ty lovanao; fe voaloto iareo ty tempolinao masy; fa nanao ahy ty
jerosalema ho antontam-pandrava iareo. [2]Fa nagnomey reo faty ty mpiasanao ho hany ty voro ty habakabake
iareo, ty vatagny reo ndatinao matoky ho ahy ty biby ty tane. [3]Fa napo iareo manahake ty rano magnodidy ahy ty
Jerosalema ty lio iareo, vaho tsy nisy ndaty soa handeve aiereo.[4]Avy fahasalara ho ahy reo namany zahay,
fandratia naho fihezaza ho ahy reo zay magnodidy anay. [5]Zisikim-bia, Yaveh? Hijano ho masiake aminay zisikam-
parane zao Iriha? Zisikim-bia ty siakinao mamarahy ro hagnoro manahake ty afo?[6]Arotsaho amy reo firenena zay
tsy mahay anao naho amy reo fanjaka tsy manao ty fikaiha amy ty agnaranao ty siakinao. [7]Te fa nandrava ahy
ndre Jakoba naho nandrava ty tanàne iareo.[8]Ko mitajake ty faharatia reo razambeinay hanohitse anay; lonikr ty
asa ty famindragn'arofonao ro ho avy aminay, te vantane tarere zahay. [9]Ampio zahay, Andragnahare ty
famonjeanay, noho ty amy ty vonihatse ty agnaranao; sarombaho zahay vaho mamelà ty helokay noho ty amy ty
agnaranao.[10]Nanao akore reo firenena ro tokone hirehake tihoe: "Aia ty Andragnahare iareo?" Lonike ty lio ty
mpiasanao zay npoke ro hamaly faty reo firenena eo agnatreha ty fannjonao. [11]Lonike ty fisentoa reo gadra ro ho
avy eo agnoloanao; amy ty fahalehibey ty fahefahanao ro hitajahanao reo anaky ty fahafatesa ho velo.[12]Valeo
impito eo agnara reo firenena marinike anay mihoatse ty fanevateva zay fa nanevatevaine Anao, Tompo. [13]Te
zahay ndatinao naho aondre fambenanao le hagnatitse fisaora Anao zisikam-parane. Hagnambara fiantsa Anao
zahay amy reo taranake iaby.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 80Ho ahy ty mpagnoja antsa, natao tamy ty fomba ndre Al-shoshanim-edoth. Salamo natao ndre Asafa.

[1]Mihainoa, mpiandry ty Israely, Iriha zay mitarike ahy ndre Josefa hanahake ty aondre maro; Iriha zay mitoboke
eo ambony ty Kerobima, mamirapiratse aminay! [2]Eo amaso ndre Efraima naho Benjamina vaho Manase,
ampiharo ty fahefahanao; avy le vonjeo zahay. [3]Andragnahare o, ampolio zahay; ampamirapirato aminay ty
vatanao, le ho voasaroko zahay.[4]Yaveh Andragnahare tompo ty maro, zisikim-bia Iriha ro ho meloke amy ty
ndatinao laha mivavake iareo? [5]Iriha fa namaha aiereo tamy ty mofon-dranomaso vaho nagnomey aiereo
ranomaso bey le bey hinomey. [6]Manao anay ho raraha hifamalea ho ahy ty namanay aminay Iriha, vaho ty
fahavalonay mihehy ty mikasike anay eo amy iareo.[7]Andragnahare tampo ty maro, ampolio zahay;
ampimirapirato aminay ty vatanao, le ho voasarobake zahay. [8]Iriha nanday voaloboke bak'agne Egypta;
nandroake reo firenena naho nambole zane.[9]Nagnadio ty tane ho amy zane Iriha; nitombo vahane le nameno ty
tane. [10]Reo vohitse le voarakotse ty alokalone, reo Sedera ty Andragnahare alofa ty sampane. [11]Naparitane
hatragne amy ty ranomasy reo sampane vaho ty sekelene tamy ty Sihanake Efroata.[12]Nanao akore ro naravanao
ty fefy vaone soa hiaza reo mandalo iaby ty voane. [13]Reo lambo bak'agne agn'ala manimba zane, vaho ty biby ty
baibo mihina zane.[14]Mimpolia, Andragnahare tompo ty maro; vambao bak'egne an-dagnitse le dineho naho
karakarao toy voaloboke toy. [15]Toy ro vahatse zay namboly ty tagnanao ankavana, ty sampine zay nampitirinao.
[16]Noroa zane vaho voatapake; mate noho ty fihelofa iareo.[17]Ty tagnanao vantane ho eo amy ty ndaty ty tagnanao
ankavana, ho eo amy ty ana ty ndaty zay nampaherezinao ho Anao. [18]Le tsy hiala Aminao zahay; velomo ndraike
zahay, le hiakaike ty agnaranao.[19]Ty YAveh Andragnahre tompo ty maro, ampolio zahay, ampamirapirato aminay
ty vatanao, le voavonje zahay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 81Ho ahy ty mpagnonja antsa; atao amy ty fomba Gitia. Salamo natao ndre Asafa.

[1]Miantsà mafe ho ahy ty Aandragnahare herentika; mikaiha mafe amy ty hafalea ho ahy iaze Andragnahare ndre
Jakoba. [2]Antsao ty antsa fofoho ty ampongatapake, ty lokanga mahafinaritse mbamy ty valiha. [3]Tiofo ty tsifa ty
anjomara amy ty andro ty vola vaovao, amy ty nadro ty vola gorobey, lafa manomboke ty andro
fiviravoravoantika.[4]Te lalàgna ho ahy ty Israely zane, lily nomey ty Anadragnahare ndre Jakoba. [5]Naboakine ho
fitsipike ao amy ndre Josefa zane lafa nandeha nanohitse ty tane Egypta re, lafa naharezako feo zay tsy haitso:
[6]Nafahakp ty enta-mavesatse teo an-tsorone, afake tamy ty fitajana haro ty tagnane. [7]Nikaike mafy tao agnate
alalhelonao iriha, le nanaromabake anao Raho; namale anao tamy ty hotroky ty hiboke maieke Raho. Nitsapa
anaoa tao amy ty rano ndre Meriba Raho. Sela[8]Mihenoa, ty vahoakako, te hampitandry anareo raho, ty Israeely,
laha mba nitsano Ahike avao nareo! [9]Tsy tokone hisy andragnahre hafa eo aminareo; tsy mahazo manompo
andragnahare hafe nareo. [10]Iraho ro Yaveh Andragnahare reo, zay nandesanao anareo niala bak'agne amy ty
tane Egypta. Sokafy moramora ty vavanareo, le hameno zane Raho.[11]Feie tsy nitsano ty tsarako ty ndatiko, tsy
nagnina Ahike ty Israely. [12]Kea le namea teo amy ty hamafin-doha iareo avao iareo soa hahzahoane manao zay
hisane te mete amine.[13]Feie, laha misano ahike ty ndatiko; feie, laha mba andeha tamy ty lalako ty ndatiko. [14]Le
haravako malaky ty fahavalo iareo vaho antsangako ty hanohitse ty mpampijale aiereo ty tagnako.[15]Lonike reo
zay malay ahy Yaveh handohalike amy tahotse eo agnatrehane! [16]Ho megnatse zisikam-parane vantane iareo. Ho
fahanako vary soa laotse ty Israely; homeiko fahafaham-po amy ty tantele bak'amy ty vatombey nareo."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 82Salamo natao ndre Asafa.

[1]Andragnahare le ao amy ty fiangona masy; eo ampagnivoa reo andragnahare zay omeine fitsara. [2]Zisikim-bia ro
hitsaranareo tsy ara-drarine naho haneho fiangara amy ty rate fagnahy? sela[3]Arovo ty tsy mana naho kambote;
emeo rarine ty mijale naho ty malahelo. [4]Vonjeo ty tsy mana naho ty mijale; afaho amy ty tagna ty rate fagnahy
iareo rey.[5]Tsy nahay na nahatakatse zao iareo; nerere tao ampo ty ieke iareo; nikoromaky iaby reo fiorena ty tane
iaby."[6]Nanao tihoe raho: " Nareo ro andragnahare vaho nareo iaby le ana ty Ambone Loatse. [7]Na zane kea le ho
maty manahaky ty ndaty naho ho lavo manahake ty raike amy reo mpanjake avao nreo."[8]'Mitsangàna,
Andragnahare o, tsarao ty tane, te mana lova amy ty firenena iaby Iriha.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 83Tognon'antsa. Salamo natao ndre Asafa.

[1]Andragnahare o, ko mitsy! Ko manao tsy misy dikane anay vaho mitoboha te ko mamitsake, Andrgnahare o.
[2]Ingo, manao filiera reo fahavalonao, vaho reo zay malay anao le fa nampitraka ty lohane.[3]Mitetike hanohitse ty
ndatinao iareo vaho niara-nisafiry ty hanohtse reo voaaranao. [4]Fa nitsara iareo yihoe: "Avia, vaho andeha itika
hamotike aiereo manahake ty firenena raike. Vaho le tsy ho tiarone sase ty agnanra ty Israely." [5]Le niara nisafiry
hevetse raike iareo; le niharao hanohitse Anao.[6]Agnisane zane reo lay ndre Edoma naho ty Ismaelita, vaho tsy
vahoake ndre Moaba naho reo Hagrita, zay niara-nisafiry rate tamy ndre [7]Gebala, Amona, Amaleka; vaho
agnisany zane kea Filistia naho reo vahoake ty Tyro.[8]Niharo tamy iareo avao kea Asyria; magnampe ty tarana
ndre Lota iareo. Sela[9]Ataovo amy iareo manahake ty nataonao tamy ndre Mediana, vaho manahake ty nataonao
tamy ndre Sisera naho tamy ndre Jabina tao amy ty sihanake Kisona. [10]Maty tagne En-doro iareo vaho lasa
manahake zezike ho ahy ty tane.[11]Ataovo manahake ahy ndre Oreba nahoZeba ty mpanapaky iareo, vaho
manahake ahy ndre Zeba naho Zalmona ty mpanjaka iareo iaby. [12]Nanao tihoe iareo: "Andeha alantika ho antika
ty tane fitavan'ankata ty Andragnahare."[13]Andragnahareko, ataovo manahake ty talio, manahake ty lila eo
agnoloa ty tioke, [14]manahake ty afo zay magnoro ty ala, vaho manahake ty lelan'afo zay mampirehitse reo vohitse
iareo. [15]Hazao amy ty tioke maharenao iareo, vaho ampihorohoroy amy ty tafio ty tiokao.[16]Fenoy hegnatse ty vata
iareo soa hipaivane ty agnaranao, Yaveh. [17]Ho megnatse naho hangorohoro zisikam-parane vantane iareo; vaho
ho mate agnate fahasalara.[18]Vaho le ho hay iareo te Iriha raike avao, ty Yaveh, ro Ambone Loatse magnera ty tane
iaby.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 84Ho ahy ty mpagnoja antsa; atao am,y ty fomba Gitita. Salamo natao reo anandahy ndre Kora.

[1]Hehike ty hasoa ty toera zay hitobohanao, Yaveh tompo ty maro! [2]Magniry mafe ty kianja Yaveh raho, fa
nahavalake ahike ty fagniriako zane. Ty foko naho ty mikasike ahike iaby mikaike mafe ahy ty Andragnahare
velo.[3]Na ty foly kea fa nahisake fitobohane ho aze vaho ty tsikirity nahisake tragno ho ahy ty vatane soa
hametrahane ty anane eo agnile reo alitaranao, Yaveh tompo ty maro, mpanjakako, naho Andragnahareko. [4]Ho
tahie reo zay mitoetse ao agn'ajombanao; vaho hiantsa Anao avao iareo. Sela[5]Hotahie vantane ty ndaty zay
mahere ao aminao, zay mana ty lalam-bey miakatse mandeha aggne Ziona ao agn'arofone. [6]Hahisake vavarano
hinome iareo, egne am-pamakivakia ty vavabaibon-dRanomaso. Ty loha-ora handrakotse fitahia zane[7]Najary
miha-mafe am-pandena iareo,; ty kiraikiraike amy iareo iaby le miseho eo agnatreha ty Andragnahare agne
Ziona. [8]Yaveh Andragnahare tompo ty maro, mitsanogna ty fivavako; Andragnahare ndre Jakoba, tsanogno zay
talilieko! Sela [9]Andragnahare, ambeno ty fiaronao; manehoa fiarova ho ahy ty voahosotsao. [10]Te ty andro raike ao
an-kianjanao le lehibey mihoatse ty arivo agne an-kafa. Aleoko miaby ty varavara ty ajomba ty Andragnahareko,
manahake zay mitoboke ao an-day ty faharatia.[11]Te Yaveh Andragnahare ro masoandro ty fiaro ho anay;
hagnomey fahasova naho hasy Yaveh; tsy hitajake zaka soa bak'amy reo zay mandeha amy ty mahity re. [12]Yaveh
tompo ty maro, meso ty ndaty zay matoke anao.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 85Ho ahy ty mpagnonja antsa. Salamo natao reo anandahy ndre Kora.

[1]Yaveh, fa naneho fitea atamy ty tanenao Iriha; fa nampolinao tamy ty toerane ty fifalea ndre Jakoba. [2]Fa
namponao ty heloke ty ndatinao; fa nisarognanao ty haratia iareo iaby. Sela[3]Fa nangalake ty haromotanao Iriha;
fa niala tamy ty siake mahamay iriha. [4]Ampolio zahay, Andarganahare ty famponjea anay, vaho lonike tsy hiala
amianay ty tsy fahafaleanao. Hasiake aminay zisikam-parane vao Iriha? [5]Hitoetse hasiake magnera reo taranake
mandimbe ho avy vao Iriha?[6]Tsy hamelo anay ndraike vao Irha? Le hifale ao aminao ty vahoakenao. [7]Asehoy
anay ty famindragn'arofonao, Yaveh, tanteraho aminay ty famonjeanao.[8]Hitsano zay talily Yaveh Andragnahare
raho, te Re hilongo amy ty ndatine, naho reo mpagnara-dià matokine, Vaho tsy himpoly amy ty lala ty fahadalà
ndraike iareo. [9]Ty famonjeane le azo antoke ta eo agnila reo zay matahotse Aze; vaho hitoboke amy ty tanenay ty
hasy.[10]Namonje ty fifakea mahatoke naho fahaevam-pitokiane; fa nifagnoroke ty fahamarignane naho fiadagna.
[11]Miboiboike bak'amy ty tane fahamendreham-pitokiane, vaho fahamarignane mivamba bak'egne amy ty
lagnitse.[12]Eka, Yaveh hagnomey reo fitahiane soa, vaho hamokatse ty tanenay. [13]Ty fahamarigna handeha eo
agnoaloane , vaho hanao lala ho ahy ty liane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 86Vavake natao ndre Davida.

[1]Mitsanogna, Yaveh, vaho mamalea ahike, te tsy mana raho naho mijale raho. [2]Arovo raho, te tsy mpivalike;
Andragnahareko, vomjeo ty mpiasano zay mitoky aminao.[3]Mamindra arofo amiko, Tompo, te mitomagny mafe
aminao amy ty andro lava iaby raho. [4]Ampifaleo ty mpiasanao, te aminao ro hivavahako, Tompo.[5]Soa, Iriha, ty
Tompo, vaho vonogne hamela heloke, vaho mampiseho famindragn'arofo lehibey ho ahy reo zay mitoreo aminao
Iriha. [6]Yaveh, mitsanogna ty fivavako; Mihenoa ty feo ty fangatahako. [7]Mikaike Anao raho tamy ty androm-
pijaleako, le hamaly ahike iriha.[8]Tsy misy na raike kea azo ampitovize Aminao amy reo andragnahare, ty Tompo.
Tsy misy asa manahake reo asanao. [9]Ty firenena iaby zay fa namboarinao le ho avy handohalike eo
agnatrehanao, ty Tompo. le hagnomey hasy ty agnaranao iareo.[10]Te lehibey Iriha vaho manao zaka mahavere;
Iriha arere ro Andragnahare. [11]Ampianaro ahike reo lalanao, Yaveh. Le handeha amy ty fahamarignanao raho.
Ampiraiso ty arofoko soa hanehoako fiasia aminao. [12]Tompo Andragnahareko o, hiantsa anao amy ty foko iaby
raho; hagnomey hasy ty agnaranao zisikam-parane raho.[13]Te bey ty famindragn'arofonao amiko; fe namonje ty
fiaiko tamy ty halaliky ty Faiagnan-tsy hisake Iriha. [14]Andragnahare o, fa nitsanga hanohitse ahike ty
mpiavognavo. Ty antoko ty ndaty mahere zaka mikilily ty fiaiko. tsy mandinike Anao iareo.[15]Te Iriha, Tompo,
Andragnahare mpamindra arofo naho bey fahasoava, mahari-po naho bey famindragn'arofo naho maevam-
pitokisa. [16]Itoliho raho vaho manà indra-fo amiko; omeo ty herenao ty mpiasanao; vonjeo ty anandahy ty
mpiasanao ampela. [17]Ampiseho famantara ty teanao raho. Reo zay malay ahike le hahisake zane vaho ho
megnatse satria Iriha, ty Yaveh, fa nagnampe ahike naho nampiognone ahike.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 87Salamo natao reo anandahy ndre Kora; tognon'antsa.

1Eka am-bohitsa masy ro mitsanga ty tanà zay naorine; 2Tea Yaveh ty vavahade ndre Ziona mihotsa ty lay ndre
Jakoba iaby. 3Antalily aminao ty zaka-mahavere, ty tanà ty Andragnahre. Sela4Tonogniko amy reo mpagnara-dia
ahike rahaba naho Babylona. Ingo, indretoa Filistia, naho Tyro, miarake amy ndre Etiopia__le hanao tihoe:
'Terake tagny iaze toy.''5Ty amy nndre Ziona le hotaliliko tihoe: "Ty kiraikiraike tamy iareo le naterane; vaho ty
ambone loatse ro hagnory aze." 6Sorata Yaveh ao amy ty boky ty fagnisaha ty ferenena tihoe: "Terake tagne iaze
toy." Sela7Kea reo mpiantsa ty mpisijake hiarake-hitalily tihoe: "Ao amiano ty loharanoko iaby."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 88Tognon'antsa, Salamo natao reo anandahy ndre Kora; Ho ahy ty mpagnonja antsa; atao amy ty fomba MAhalata Leanota. Maskila natao ndre Hemana Ezraita.

[1]Yaveh, Aandragnahare ty famonjea ahike, hitomagny mafe eo agnatrehanao hariva naho an-toandro raho.
[2]Miheno ty fivavako; heno ty fitoreoko.[3]Te feno fijalea raho, te nahatratse ty Fiagnan-tsihisake ty fiaiko. [4]Ty ndaty
mihevitse ahike manahake reo zay mizotso an-davake; lehilahy tys mana-kere raho.[5]Napoke niarake tamy reo
mate raho; iraho le manahake ty mate ao amy ty valavato, mikasike zay tsy nidareanao sase satria nafahe niala
tamy ty herenao iareo. [6]Naponao tagne amy ty farane ambane ty lavake, ao amy ty ieke naho toera lalike raho.
[7]Mavesatse amiko ty sikinao, vaho lavo eto amiko ty onjanao iaby. Sela[8]Noho Iriha, le lomay ahike reo marineke
ahhike. Fa nataonao fijere manafitohy aiereo raho. Voafandrike raho vaho tsy afake hilay.[9]Miharerake ty fijalea ty
masoko; hikaike Anao amy ty andro lava iaby raho, Yaveh, velariko ho anao ty tagnako. [10]Hanao zaka-mahavere
ho ahy ty mate vao Iriha? Reo zay fa mate vao hitsanga vaho hiantsa Anao? Sela[11]Hantilily ao am-balavato zao ty
famindragn'arofonao, vaho ty tsy fivalihanao agner amy ty toera ty mate? [12]Ho hay agne amy ty ieke vao reo asa
mahaverenao, na ty fahamarignanao agne amy ty toera ty fagnalignosa?[13]Te mitomagny aminao raho, ty Yaveh;
Ho avy eo agnatrehanao ty fivavako lafa marinadray. [14]Yaveh, nanao akore raho ro tsy ekenao? Nanao akore ro
avoninao amiko ty vatanao?[15]Fa nampijaly avao raho vaho le tamy ty fahafatesa ty fahatanorako. Nampijaly ty
horohoronao raho; le mamoe arofo. [16]fa nandalo teo amiko ty fihetsike nandesy siake. Vaho fa nandrava ahike reo
asa mampihorohonao.[17]Nandifotse ahike manahake ty rano amy ty andro lava iaby iareo; fa nagnodidy ahike
iaby iareo. [18]Fa nalavirinao tamiko ty ragnitse naho ty marineke ahike iaby. Vaho ty ieke avao ro marineke ahike.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 89Maskila ndre Etana Ezraita.

[1]Hiantsa ho ahy ty asa ty fagnina azo antoke YAveh zisikam-parane raho. Hitalily ty fahamarignanao amy reo
taranake ho avy raho. [2]Te iraho fa nitalily tihoe: "Fa napoke zisikam-parane ty fagninao azo antoke; fa naponao
agne an-dagnitse ty fahamarignanao."[3]Fa nanao fifagnina tamy iaze voafiliko Raho, fa nanao fanta tamy ndre
Davida mpiasako Raho. [4]Hampitoetse zisikam-parane ty taranagnao Raho, vahho hampitoetse ty seza fiankinanao
magnera ty taranake iaby." Sela[5]Miantsa reo haveregnanao ty lagnitse, Yaveh; antsay ao amy ty fiangona iaze
masy ty fahamarignanao. [6]Te ia egne an-dagnitse ro azo ampitovizy amy Yaveh? Ia tamy reo anandahiny reo
andragnahare ro mitovy amy Yaveh?[7]Reke le Anadragnahare zay nomey hasy lehibey tao amy ty filan-kevitse
iaze masy vaho nahavere ty iaby nagnodidy Aze. [8]Ty Yaveh anadragnahare Tompo ty maro, ia ro mahere
manahake anao, Yaveh? Mandrakotse anao ty fahamarignanao.[9]Mifehy ty ranomasy mahere Iriha; lafa magnonja
reo, le mampinjano Iriha. [10]Nitorotoroenao manahake ty ndaty nivonoa re Rahaba. Nambognakao tamy ty
sandrenao mahere reo fahavalonao.[11]Anao ty lagnitse, vaho ty taen avao kea. Nahare zao tontolo zao naho zay
iaby eo amine Iriha. [12]Namoro ty atimo naho avaratse Iriha. Mifale amy ty agnaranao re Tabara naho Hermona.
[13]Mana sandre naho tagna mafe Iriha, vaho ambone ty tagnanao ankavana. [14]Ty fahamarigna naho fitsarà ro
fagnambina ty seza fiankinanao,. Avy eo agnatrehanao ty fagnina azo antoke naho fahaevam-pitokisa.[15]Vototse ty
ndaty zay manompo Anao! Yaveh o, mandeha amy ty fahazava ty vatanao iareo,. [16]Mifale amy ty agnaranao
zisikam-parane iareo, vaho amy ty fahamarignanao ro hanondrotane Anao.[17]Iriha ro hasy ty here iareo, vaho
mpandrese amy ty fiteanao zahay. [18]Te ahy Yaveh ty fironay; ty mpanjakanay le ahy iaze Masy ty Israely.[19]Tagne
aloha le nitsara tamy iaze azo antokinao tagnate fahisaha Iriha; Nanao tihoe Iriha: "Fa nametrake satro-
boninahitse teo amay iaze mahere Raho; fa nanondrotse voafily raike tamy reo vahoake raho. [20]Nifily ahy ndre
Davida mpiasako Raho; tamy ty menake masy ro nagnosorako aze. [21]Hanoha aze ty tagnako; hampahre aze ty
sandreko. [22]Tsy misy fahavalo hamitake aze; tsy misy anandahy ty rate fagnahy hampijaly aze. [23]Ho torotoroeko
eo agnoloane reo fahavalone; ho vonoeko reo zay malay aze.[24]Ty fahamarignako naho ty fagnekeko mahatoke ro
hiaro aze; ho mapandrese amy ty agnarako re. [25]Hapoko eo ambone ty ranomasy ty tagnane vaho ty tagnane
ankavana eo ambony reo sihaneke. [26]Hikaike Ahike re tihoe: 'Iriha ro Raeko, Andragnahareko, vaho vatombey ty
famonjea ahike.'[27]Iriha avao kea hametrake aze hanahake ty anandahiko voalohane, iaze ambone loatse amy reo
mpanjaka ty tane. [28]hampikisake ty fagneke azo antoko amine zisikam-parane Raho; vaho fagnekeko amine le ho
voaaro. [29]hampaharitse reo taranane zisikam-parane Raho vaho ty seza fiankinane haharitse manahake ty
habakabake egne ambone.[30]Laha mahafoe naho tsy magnina reo lalàgnako ty anane, [31]laha mandika ty fifahezako
vaho tsy miamby reo filalako iareo, [32]le handilo ty filiera iareo amy ty fifiake Raho vaho ty helone amy ty loko.[33]Te
tsy hagnafake amine ty fiteako tsy miova na hivadike amy ty fampagnatenako Raho. [34]Tsy handika ty fagnekeko
na hagnova reo tsara ty sogneko Raho.[35]Fa nifanta tamy ty fahamasignako ndraike mandeha Raho__tsy havande
amy ndre Davida Raho: [36]Reo taranane le hitohy zisikam-parne vaho ty seza fiankinanae le haharitse manahake
ty masoandro eo agnoloako. [37]Zane le hitoboke zisikam-parane manahake ty vola, iaze vavolombelo azo antoke
egne an-dagnitse." Sela[38]Feie Iriha tsy nagnina naho nandà; meloke tamy iaze mpanjakanao vahosotse. [39]Fa niala
tamy ty fagneke ty mpiasanao Iriha. fa nanevateva ty satro-boninahine tamy ty tane Iriha. [40]Fa noroanao reo
rindrine iaby, Fa niravainao ty fiarova mafine.[41]Zay iaby nandalo le nandrava aze. [42]Fa lasa fitaova mamparihy
amy reo namane re. Nanondrotse ty tagna ankavana reo fahavalone Iriha; nampifaleanao reo fahavalone iaby.
[43]Navalikao ty lela mesone le tsy mampitsanga aze laha hialy.[44]Nitaperinao ty famirapiratane; nazotsonao tamy ty
tane ty seza fiankinane. [45]Nafohezinao ty andro ty hatanorane. Nisaforanao hegnatse re. Sela[46]Zisikim-bia, Yaveh?
haminy ty vantanao zisikam-parane zao Iriha? Zisikim-bia ro hirehitse manahake ty afo ty siakinao? [47]Oh, dineho
ty mikasike ty androko fohike, naho ty namorognanao ty anagn'ondaty iaby ho matemate avao! [48]Ia ro afake hiay
le tsy ho amte, na hagnavotse ty fiaine arere egne an-tagnane ty Fiaignan-tsy hisake? Sela[49]Tompo, aia reo asa ty
fagneke azo anotikinao taolo zay nifanta ndre davida tamy ty fahamarignanao? b[50]Tiarovo, Tompo, ty
fagnambania natao ta,y reo mpiasanao vaho ty fomba nizaka ty arofoko reo tsara rate maro bak'amy reo
firenena. [51]Nikoike rehake rate reo fahavalonao, Yaveh; niharaty iareo ty lian-tombok'iazy voahosotsao.[52]Ho
antsay zisikam-parane vantane Yaveh. Amena, amena. Boke faha efatse.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 90Vavaky ndre Mosesy lelhilahy ty Andragnahare.

[1]Tompo o, fa fitsolohanay magnera reo taranake uiaby Iriha. [2]Taloha ty nisia ty vohitse, vaho namboatse ty tane naho zao tontolo zao Iriha, nanombokizay le ho zisikam-parane, Iriha ro Andragnahare.[3]Nampoly ho lemboke ty ndaty Iriha, le nanao tihoe Iriha: " Mimpolia, iriha ty taranagn'ondaty." [4]Te ty arivo tao eo amy ty fanjonao le manahake ty nomaly lafa lasa, vaho fotoa manahake ty fiamben amy ty halike.[5]Fafanao manahake ty amy ty riake iareo le natory; amy ty maraindray le manahake ty ankata mitiry iareo. [6]Amy ty maraindray le mamone zane vaho mitiry; amy ty hariva le malazo zane vaho maike.[7]Marene vantane, te rava amy ty helokinao zahay, vaho amy ty fasikinao ro mampa-tahotse anay. [8]Fa nametrke ty helokay teo agnoloanao Iriha, reo fahotanay mivone teo amy ty fahazava ty fagnatrehanao.[9]Ty fantanay le lifotse ao ambane helokinao; ty fantanay le mandalo malake manahake ty sento. [10]Fitopolo, na valopolo tao zahay laha salama; nefa ty taonay soa loatse kea le voamarike ty fijalea naho alahelo. Eka, manadalo malaky zane, le mitily zahay.[11]Ia ro mahay ty hamafy ty helokinao, naho ty fasiakinao zay mitovy amy ty fahatahora Anao? [12]Kea ampianaro zahay soa handinike ty fiaignanay soa hahazahoanau miay am-pahendrea. [13]Mimpolia, Yaveh! Zisikim-bia zao? mamindrà arofo amy reo mpiasanao.[14]Omeo fahafaham-po amy ty famindargn'arofonao zahay amy ty marindray soa hiravoravoanay le ho ho fale amy reo andronay iaby. [15]Ampifaleo zahay arakaraky reo andro nampijaleanao anay naho reo tao zay nifantanay fijalea. [16]Lonike reo mpiasanao hahisake ty asano, vaho lonike reo anagnao hahisake ty hasinao.[17]Ty tea ty Tompo Andragnaharenao vantane ho aminay; tahio ty asa ty tagnanay; tahio vantane ragnandria ty asa ty tagnanay.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 91

[1]Iaze mitoboke eo ambane fitsoloha iaze ambone Loatse le hitoetse ao amy ty alok'iaze Tsitoha. [2]Hitalily ty amy
Yaveh raho tihoe: " Reke ro fitsolohako naho fiarovako mafe, Andragnahareko, zay hitokiako.[3]Te ia ro hamonje
anao amy ty fandrike ty mpihaza naho amy ty arete-madoza mahafate. [4]Hanafotse anao amy reo elatsine Re,
vaho ao ambane elatsine ro hahisahanao fitsoloha. Ty fahamendreham-pitokiane le fiarova.[5]Tsy hatahotse ty
horohoro ty halike iriha, na ty kiditse zay malinike amy ty andro, [6]na ty loza zay mirerirere amy ty maeke, na ty
arete zay avy amy ty antoandro. [7]Arivo ro mete ho lavo eo agnilanao vaho ray aly eo amy ty tagnanao ankavana,
nefa tsy hahatratse anao zane.[8]Te handinike naho hivamba ty sazy ty rate fagnahy avao Iriha. [9]Te Yaveh ro
fitsolohako! Ataovo fitsolohanao avao kea iaze ambone Loatse.[10]Tsy hisy rate hahzo anao; tsy hisy fahoria
haranike ty fitobohanao. [11]Te hitarike reo anjeline Re soa hiaro anao, hiamby anao amy zay lalanao iaby.
[12]Hanondrotse anao amy ty tagnane iareo soa tsy ho voa ty vato ty tombonao. [13]Hanorotoro reo liona iriha naho
reo menarana ambane tombonao; hagnitsake reeo liona tanora naho bibilava iriha.[14]Satria fa nanolo-tegna ho
Ahike re, le hamonje aze Raho. Hiaro aze Raho satria tsy mivalike amiko re. [15]Lafa mikaike ahike re, le hamale aze
Raho. Hiaro aze Raho vaho hagnomey fandresea aze Raho vaho hagnomey hasy aze. [16]Hagnomey fahafaham-po
aze amy ty fiaigna lava Raho vaho hampiseho aze ty famonjeako.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 92Salamo, tognon'antsa ho ahy ty andro Sabata.

[1]Zaka soa ty magnomey fiasora ahy Yaveh naho ty miantsa fiantsa ho ahy ty agnaranao, ty Ambone Loatse,
[2]Hitalily ty fagnekenao azo antoke lafa maraindrayu naho ty fahamarignao sake halike, [3]amy ty valiha tore folo
naho ty feon'antsan-dokanga.[4]Te Iriha, Yaveh, nampifale ahike tamy ty alala reo asanao. Hiantsa fifalea ho Anao
raho noho reo asa ty tagnanao. [5]Hehike ty halehibey reo asanao, Yaveh! Lalike vantane ty fisaignanao.[6]Tsy
mahalala ty ndaty gegy, na ty biloka hahatakatse zao: [7]Lafa mitiry manahake ty ankata ty rate fagnahy, vaho na le
miroborobo kea ty mpanao rate, le mboe ho rava agne amy ty fahapoteha zisikam-parane.[8]Te Iriha, Yaveh, le
hanjaka zisikam-parane. [9]Eka vantane, vambao reo fahavalonao, Yaveh! Eka vantane, vambao reo fahavalonao.
Ho mate iareo! Vaho reo zay manao rate iaby hibognake.[10]Nanondrotse ty tsifane manahake ty tsifan'aombe Iriha;
vaohosotse tamy ty menake vaovao raho. [11]Fa nahisake ty fahavalavoa reo fahavaloko ty masoko; fa naheno ty
fara-andro reo fahavaloko rate ty sofiko.[12]Ty marene le hitiry manahake ty hetaen-drofia; hitiry manahake ty
sedera agne Libanona zane. [13]Nambole tao agn'ajoma Yaveh reo; vaho mitiry ao amy reo kianja ty
Andragnaharentika.[14]Hamoa voa iareo na le lafa antitsa kea; vaho hijano ho vao naho maitso, [15]soa hitalily te
mahity Yaveh. Reke ro vatombieko, vaho tsy misy tsy fahamarigna ao Amine.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 93

[1]Manjaka Yaveh; misiky hasy Re; Yaveh le nampisiky ty vantane tamy ty here. Mafe ore zao tontolo zao; Tsy afake
afalo zane. [2]Mitoetse hatramy ty taolo ty seza fiankinaoanao; Iriha le tsy manam-pahatapera.[3]Niakatse ty
ranomasy, Yaveh; naondrotse ty feone iareo; mamofopofoke naho mitro ty onjan-dranomasy. [4]Ambony ty filavoa
ty ranomasy, Yaveh agne ambone ro mahere.[5]Reo lilinao masy le vantane maeva-pitokisa; mandravake ty
ajombanao zisiak-parane ty fahamasigna, Yaveh.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 94

[1]Yaveh, Andragnahare mamale fate, Andragnahare mamale fate. mamirapirata eo aminay. [2]Mitsangàna, mpitsara
ty tane, omeo ty mpiregiregiregyzay maeva aiereo.[3]Zisikim-bia ty rate fagnahy, Yaveh, Zisikim-bia ty rate fagnahy
ro [4]hiravoravo? Mandrarake ty rehake fiavognavognane iareo; zay iaby manao rate miregerege iaby.[5]Nitorotoroa
iareo ty ndatinao, Yaveh; mampijaly ty ferenena zay Anao iareo. [6]Mamono ty vantotse naho mbahine zay miay
agne amy ty firenene iareo, vaho mamono reo kamboty rae. [7]Nanao tihoe iareo: "Tsy hahisaky YAveh, vaho iaze
Anadragnahare ndre Jakoba le tsy hahatiaro zane."[8]Mahatakàra, iriha ty ndaty tsy mandinike! Nareo biloka,
ombia nareo ro hianatse? [9]Re zay nanao ty sofy, nao tsy mahare vao Re? Reke zay nanao ty maso, nao tsy
mahisaky vao Re?[10]Reke zay mifehy reo firenena, nao tsy manitsy vao re? Reke iazemagnomey fahalala ty ndaty.
[11]Yaveh mahalala ty say ty ndaty, te zaka-foa iareo.[12]Vototse zay ampianarinao, Yaveh, iaze ampianarinao bak'amy
ty lalàgnanao. [13]Nomeinao hasoa re tamy ty fotoa ty porobolemo mandra-pihaly lavake ho ahy ty rate fagnahy.[14]Te
Yaveh tsy hahafoe ty ndatine na hagnenga ty lovane. [15]Te ty fitsarà le ho marine ndraike ; vaho reo iaby zay
mahity arofole hagnarake zane. [16]Ia ro hitsanga hiaro ahike amy reo mpanao rate? Ia ro hitsanga ho ahike
hanohitse ty rate fagnahy?[17]Laha tsy Yaveh ro nagnampew ahike, le fa ho nitsilagny tagne amy ty toera ty
mangiky raho manahake zay. [18]Lafa nitsara raho tihoe: "Mangohozohozo ty tomboko," le nagnampe ahiky, ty
famindragn'arofonao, Yaveh. [19]Lafa maro ty fisalasalako, le mampifale ahike reo fampiononanao.[20]Afaka miarake
aminao vao ty seza fiankina ty faharava, iaze mamoro ty tsy rarine amy ty alala ty lalàgna? [21]Niara-nifasiry iareo
soa hikililia ty fiay ty marene vaho magnameloke ho maty reo tsy manan-tsikone.[22]Te Yaveh ro fa tilikamboko
ambo, vaho vatombeiko fitsolohako ty Andragnahreko. [23]Handay ty helogn'iareo amy ty faharatiane arere,
Hamono aiereo Yaveh Andragnaharentika.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 95

[1]Avia, lonike tika hiantsa ho ahy Yaveh; lonike itika hiantsa am-pifalea ho ahy iaze vatombey ty famonjea antika. [2]
Lonike tika hizilike amy ty fagnatrehane amy ty fisaora; lonike itika hiantsa ho Aze amy ty salamo fiantsa. [3]Te
Yaveh ro Anadraganhare befoloay naho Mpanjaka befoloay ambone ty andragnahre iaby.[4]Eo an-tagnane reo
fitoera lalike ty tane; Aiere fitoera ambone vohitse iaby.[5]Aze ty ranomsy, te reke ro nanao zane, vaho ty tagnane
ro namboatse ty tane maike.[6]Avia. lonike tika hanompo naho hihohoke; lonike tika handohalike eo agnatreha
Yaveh, mpamelo antika: [7]Te reko ro Andragnaharetika, vaho vahoake ty fihinana ankata naho aondre tyy tagnae
tikaa__lonike le ho janjignenao ty feone![8]Ko magnamfe arofonao, mahake ty tao Meriba, na manahake ty tamy ty
andro ndre Masa tagne amy ty tane tsy misy raraha, [9]zay nitsapa naho nagnandrama reo razambeinareo Ahike,
na le hisa iareo kea reo asako.[10]Te efapolo tao ro meloke tamy zane taranake zane Raho le nitsara tihoe: 'Toy le
vahoake mana arofo mivio; tsy nagnina Ahike iareo.' [11]Noho zane le niboake tamy ty siake Raho soa tsy hizilike ao
amy ty toeram-pitsarako sase iareo rey.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 96

[1]Miantsà fiantsam-baovao ho ahy Yaveh, miantsà ho ahy Yaveh, ty tane iaby. [2]Miantsà ho ahy Yaveh, misaorta ty
Agnarane; antalilio san'andro san'andro ty famonjeane.[3]Antalilio amy reo firenena ty hasine, ty asane mahavere
amy eo filiera iaby. [4]Te lehibey Yaveh le tokone ho antsay vantane. Tokone atahora ambony ty andragnahare hafa
iaby Re.[5]Te sampe iaby reo andragnahare ty firenena iaby, te Yaveh ro nanao ty lagnitse. [6]famirapirata naho hasy
ro eo amy ty fagnatrehane. Here naho hasoa ro ao amy ty fitoerane masy.[7]Miantsà ahy Yaveh, nareo vahoake ,
miantsà ahy Yaveh noho ty hasine naho ty herne. [8]Omeo ty hasy maeva ty agnarane Yaveh. Mandesà fagnatitse le
miavia ao an-kianjane.[9]Mihohofa eo amy Yaveh amy ty fiakanjo magnomy hasy ty fahamasignane. Mangitgitiha
eo agnatrehane, tane iaby. [10]Mitsara amy reo firenena tihoe: "Manjaka Yaveh." Voaory avao kea zao tontolo zao;
tsy ho voahozohozo zane. Mitsara arandrarine reo ndaty Re.[11]Lonike ho fale ty agne an-dagnitse, vaho lonike
hiravoravo ty tane; Lonike hierotse ty ranomasy avho hikoike am-piafalea zay mameno zane. [12]Lonike hifale reo
baibo naho zay iaby ao amine. Le lonike hikoike amy ty hafalea [13]eo agnatreha Yaveh reo hetae iaby agne agn'ala,
te avy Re. Avy soa hitsara ty taneRe. Hitsara zao tontolo zao amy ty fahamarignane Re vaho reo ndaty amy ty
fahatokiane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 97

[1]Manjaka Yaveh; lonike ty tane hifale; lonike ty olon-driake marobey ho kito. [2]Hiboke naho ike ro magnodide Aze.
Fahamarigna naho hitine ro fioregna ty seza fiankignane.[3]Afo ro mandalo eo agnoloane ka mandrava reo mpiale
amine amy ty lafine iaby. [4]magnazava zao tontolo zao ty helatsine; mahisake zane tytane le mihorohoro. [5]Miempo
manahake ty savoke eo agnatreha Yaveh, iaze Tompo ty tne iaby, reo vohitse.[6]Magnambara ty fahamarignane reo
lagnitse, vaho mahisake ty hasine ty firenena iaby. [7]Ho megnatse reo iaby ze manompo sarin-jaka voasotse, reo ze
mirengerenge amy ty sampe tsy misy dikane__mihohofa eo amine, nareo ty andragnahare iby! [8]nahare ty ziona
kale fale. Vaho nifale ty tanà ndre Joda noho reo lilinao maren, Yaveh.[9]Te iriha, Yaveh, ro ambone loatse ambone
ty tane iaby. Asondrotse ambone loatse ambone reo andragnahare iaby Iriha. [10]Iriha ze tea ahy Yaveh, malaigna
ty rate! miaro ty fiay reo ndatine mase Reke, ka mangala aiero tsy ho eo an-tagna ty rate fagnahy. [11]Nafitsy tamy ty
marene ty fahazava vaho ty fifalea ho ahy reo mahitse arofo.[12]Mimetea hifale ao amy Yaveh, nareo ndaty marene;
vaho magnomeza fisaora lafa mahatiaro ty fahamasignane nareo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 98Salamo.

[1]Miantsà fiantsam-baovao ho ahy Yaveh, te nanao zaka-mahavere Reke; nagnomey fandresea Aze ty tagnane
ankavana naho ty sandrine mase. [2]Nampahafantatse ty famonjea Yaveh; nampiseho ampahibemaso ty
fahamrignane tamy reo firenea iaby Reke.[3]Mahatiaro ty tsy fivaliham-paginane naho ty fagninane azo antokine
ho ahy ty taragn'Israely Reke; hahisake ty fandresea Andragnaharentika ty zoron-tane iaby. [4]Miantsa ho ahy
Yaveh, ty tane iaby; Velomo ty antsa; Miantsà amim-pifalea, ka miantsà fiantsa.[5]Miantsà fiantsa ho ahy Yaveh amy
ty harpa, amy ty valiha naho antsa mahafinaritse. [6]Amy ty trompetra naho ty feo ty anjomara, manaova koikem-
pifalea eo agnatreha iaze Mpanjaka, le Yaveh.[7]Lonike hikoike ty ranomase naho ze iaby ao amine; zao tontolo zao
naho ze iaby mitoboke ao amine! [8]Lonike reo vavarano hitehe-tagna, vaho lonike reo vohitse hikoike fifalea. [9]Avy
hitsara ty tane Yaveh; hitsara zao tontolo zao amy ty fahamarigna Reke vaho reo firenena amy ty hitine.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 99

[1]Manjaka Yaveh; Lonike hititike reo firenena. Mitoboke eo amy ty seza fiamkigna eo ambone ty kerobima Reke;
mihorohoro ty tane. [2]Lehibey ao ziona Yaveh; asondrotse ambone reo firenena iaby Reke. [3]Lonike iareo regny
hiantsa ty agnaranao foloay naho mampatahotse; Masy Reke.[4]Mafe ty mpanjaka, vaho tea ty hitine Reke.
Fanampitoetse hitine Iriha; fa nanao fahamarigna naho fahitia tam,y ndre Jakoba Iriha. [5]Antsao Yaveh
Andragnaharetika vaho tompoy eo amy ty fitobohan-tobone Reke. Mase reke.[6]Agnate reo mpisorone re mosesy
naho Arona, vaho Samoela agnate reo ze nivavake tamine. Nivavake tamy ndre Yaveh iareo, ka le namale aiereo
reke. [7]Nitsara tamy iareo tamy ty alala ty fitohagna hiboke Reke. Nita ty liline iareo vaho ty lalàgna ze fa nomeine
ho aiereo.[8]Namale aiereo Iriha, Yaveh Andragnaharenay, Andragnahare mpamela heloke Iriha tamy iareo, feie
iaze nanaze tamy ty harateane. [9]Miantsà ahy Yaveh Andragnaharentika, vaho miasa ho Aze ao amy ty vohitsine
masy, te Yaveh Andragnaharentika le mase.

# Proverbs

Chapter 1

[1]Reo ohabola i Solomona anagn'i Davia, mpanjaka Israely. [2]Toa ohabola toa le natao mba hagnanatse fahendrea
vaho torolala, hampianatre reo tene ty fahaia, [3]hahazoanao torolala mba hivelo amity fanaova ty mare, rarene,
naho ty marene.[4]Ty ohabola toa avao kea le natao hagnomea hamarea ho ahy ty kele say, naho hagnomea hafaia
vaho fahitia ho ahy ty tanora. [5]Ao ty ndaty hendre hidranjy ka hanombo ty fahaiane, naho ao ty ndaty mahay
magnavake hahazo tari-dala, [6]mba hahatakatre reo ohabola, reo oha-drehake, vaho ty reha ty ndaty hendre
amity ankamantane.[7]Ty tahotre Yaveh ro voaloham-pahaia__ty gege magnaraty ty hamarea vaho ty fagnanara.
[8]Ry zanako, dranjigno ty fagnanaran-draenao naho ko miala amity fotsipeke ty renenao; [9]ho feheloha soa tarehe
ho ahy ty lohanao rey naho rado mihanto eo amity tendanao.[10]Ry zanako, laha mipay hitsongo anao ho amity
hadisoa iereo ty mpanonta, le ko magnenke hagnorike aze. [11]Laha hoe iereo hoe:" Avia hiarake aminay, ndao tika
hidineke hamono ndaty, ndao tika hihaja ka hamofoke ndaty tsy manan-tsiny amity tsy misy antone.[12]Andao
hatelentika velo rey, manahake ty fangala ty fiaigna tsy hisake reo ze salama, naho hanao iereo hanahake reo ze
mipoke an-davake. [13]Ho hisantika reo karazan-jaka lafovily iaby; ho fenoentika amize hangalarentika amity hafa
ty tragnontika. [14]Atoraho miarake aminay ty filokanareo; hana poketra raike avao tika iaby."[15]Ry zanako, ko
mindeha mizotro amize lala zay miarake amiereo; ko enga hikasike ze homba ty tombonao; [16]milay ho amity raty
ty tombone naho malaky hapipo-dio iereo. [17]Fa tsy misy dikane ty hamelara harato hamandriha voro laha
manente ty voro.[18]Mikotreke hamono ty vatane avao rey ndaty reigne__manao vela-pandrike ho ahy ty vatane
iereo. [19]Hoe zay kea ty lala ty ndaty iaby ze mahazo harea amity tsy rarene; ty harea azo amity tsy rarene
magnafake ty fiay reo ze mipiteke amizay.[20]Mivazavaza egne an-dala ty hamarea, magnakatre ty feo egne
andalambey re; [21]egne amireo lohan-dala mikotoba ro itabatabane, egne amity filira egne amity vavahady ty tana
ro hirehafane hoe: [22]"Ho zisike ombia, nareo ry ndaty kele say, ro hotea ty tsifahaia? Ho zisike ombia, nareo ry
mpandraviravy, ro hagnamamy ty fandraviravia, naho ho zisike ombia, nareo ry gege, ro halay ty hafaia?
[23]Tandremo soa ty fagnanarako; hailiko aminareo ty dineko; hataoko hainareo ty rehako. [24]Lefa nikaike raho,
naho nilietse ty hijandry nareo; namototre ty tagnako raho, feie tsy nisy niraharaha. [25]Fa nisarea nareo gege ty
fagnanarako iaby naho tsy nidranjigne nareo ty fagnanarako.[26]Hihehe ty lozanareo raho, handatsa anareo raho
laha fa avy ty horohoro__[27]laha fa avy manahake ty tafiotse ty fandrava mampitahotse naho mamaoke anareo
manahake ty talio ty loza, laha fa avy aminareo ty fijalea vaho ty fangirifiria.[28]Le hikaike ahy iereo, fa tsy hamale
raho; hikaike ahy mafe iereo, fa tsy hahisake ahy. [29]Satria malay fahaia iereo naho tsy nifily ty tahotre Yaveh, [30]tsy
nagnorike ty fagnanarako iereo, naho nagnaraty ty fagnanarako iaby.[31]Hihina ty vokatre ty lalane iereo, naho ty
vokatre ty tete-draty iereo ro hameno aze. [32]Fa mate ty kele say laha fa miotake, naho hamoteke aze ty tsy
firaharaha ty gege. [33]Fa na ia ia midranjy ahy le hivelo ampilamina naho ho voaaro tsy hatahotre loza."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 2

[1]Ry zanako, laha mandrae ty rehako riha naho ataonao ao aminao reo liliko, [2]le ao ty sofinao hiambe soa ty
hamarea naho atongilagno ho amity hazavan-tsay ty arofonao.[3]Laha mikorake ho amity fazavan-tsay rihanaho
magnaka-peo ho amizay, [4]laha mipay zay manahake ty hipaianao volafoty riha naho mipay ty hazavan-tsay
manahake ty fipaia harea mihaja, [5]le ho hainao ty tahotre Yaveh naho ho hisanao ty fahaia an'Agnahare.[6]Fa
magnomea hamarea Yaveh, bakamity vavane ro hiavia ty fahaia vaho hazavan-tsay. [7]Mita ty hamarea soa ho ahy
reo ze teane re, Re ro ampinga reo ze mindeha amity fahitia, [8]miambe reo lala ty rarene Re naho hiaro ty lala reo
ze matoky Aze.[9]Le ho hainao ty fahitia, ty rarene, vaho ty hitsine, naho ty lala soa iaby. [10]Fa hilitse ao amponao ty
hamarea, naho hotea ty fagnahinao ty fahaia.[11]Hiaro anao ty fahitia, naho hiambe anao ty fazavan-tsay.
[12]Hagnavotre anao amity lalan-draty reo, amireo ze mirehake zaka-raty, [13]ze miala reo lala ty fahitia naho
mindeha amity lala ty maieke.[14]Mifale iereo laha fa manao raty naho fale amity zaka-raty. [15]Magnorike lalan-
keloke iereo, naho nampiasa ty fitake hagnaja ty lalane.[16]Hamarea naho fahitia ro hagnavotre anao amity ampela
janga, amity ampela raty entam-bata vao ty rehane midoka. [17]Mahafoe ty sakaiza ty fatahorane re naho
magnaligno ty fagnenkene tamity Zagnaharene.[18]Fa ty tragnone mitarike amity fate naho reo lalane hinday anao
ho amireo ze agne an-kibory. [19]Iaby ze militse ao amine le tsy hihere sase naho tsy hahisake ty lala ty fiaigna
iereo.[20]Le hindeha amity lala ty ndaty soa riha naho hagnorike reo lala ty ndaty mare. [21]Fa reo manao ty mare ro
hanao fitoboha eo amity tane, naho reo tsy mivalike ro hitoboke ao amizay. [22]Fa ty raty fagnahy horavae eo amity
tane, naho ty tsy manam-pinoa horavae eo amizay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Ry zanako, ko magnaligno ty liliko naho tano ao amponao ty fagnanarako, [2]fa andro lava vaho tao maro
hivelogna naho filamina ro hagnampea reo anao.[3]Ko enga hiala anao ty tsy fivaliham-pagnenkea vaho ty hasoam-
pitokia, ampifeheo eo amity vozonao reo, naho anovo ao amity vato pisake ty arofonao. [4]Le hahisake fitea vaho
ho soa laza eo amason'Agnahare vaho ty ndaty riha.[5]Matokia Yaveh amity arofonao iaby naho ko mianky amity
fahaianao avao; [6]magnenkea Aze amity lalanao iaby naho Re ro hampahity ty lalanao.[7]Ko hendre eo amasonao
avao; matahora Yaveh ka ialao ty raty. [8]Ho fagnasitragna ho ahy ty nofonao naho famelombeloma ho ahy ty
vatanao zay.[9]Manaja Yaveh amity hareanao vaho ty voaloham-bokatre ty vokanao iaby, [10]le ho feno ty tragno
famoriam-bokanao naho ho vaky hiboiboike ty fisim-boalobonao, feno divay vaovao.[11]Ry zanako, ko magnaraty ty
fagnanara Yaveh naho ko malay ty helone, [12]fa reo ze teane ro faize Yaveh, manahake ty atao ty raike amity anane
ze teane.[13]Sambatre ze mahisake hamarea; fa mahazo hazavan-tsay avao kea re. [14]Soa noho ze amea ty volafoty ty
azonao bakamity hamarea naho ty tombone le soa mihoatre ty volamena.[15]Lafovily noho ty ravake ty hamarea
naho tsy misy azonao ampitovize amine ze mete ho irienao. [16]Andro lava ro antagnane ankavanane; naho harea
vaho hasy ro eo antagnane ankavia.[17]Lala ty halemeam-pagnahy ty lalane naho filamina iaby ty lalane iaby. [18]Re
ro hetaem-piay ho ahy reo ze mita zay, sambatra reo ze miarake amizay.[19]Tamity hamarea ro nagnoregna Yaveh
ty tane, tamity hazavan-tsay ro nanovane ty lagnitse. [20]Tamity fahaiane ro nitriara ty laleke naho nampipoke ty
mikane ty raho.[21]Ry zanako, tano ty fitsara vaho fahaia-magnavake mare, naho ko ala amity masonao zay. [22]Ho
fiay ho ahy ty fagnahinao rey naho ravake ty fitea hanova magnodidy ty tendanao.[23]Le hindeha amity lalanao am-
pilamina riha naho tsy ho tafintohy ty tombonao; [24]laha fa miroro riha, le tsy hatahotre; laha fa miroro riha, le ho
mamy ty roronao.[25]Ko matahotre ty horohoro avy tampoke na ty fandrava atao ty raty fagnahy, laha fa avy zay,
[26]fa Yaveh ro ho eo agnilanao naho hiaro ty tombonao tsy ho voa ty fandrike.[27]Ko mamihy ty soa amireo ze mete
amizay, laha ao amity herenao avao ty hiasa. [28]Ko mirehake amity namanao hoe:" Mindehana, ka miavia ndraike,
naho hamaray ro hagnomeako zay," laha hanagnanao agne aminao avao ty vola.[29]Ko manao hevetse hagnisy raty
ty namanao__le ty mitoboke eo agnilanao naho matoky anao. [30]Ko mifandietse amity ndaty amity tsisy antone,
laha tsy nagnisy raty anao re.[31]Ko mialo ty ndaty mirehareha na mifily ty lalane. [32]Fa mampangaroharo amy
Yaveh ty ndaty magnaraty, fa hampitokiene amine kea ty nadty mahity arofo.[33]Eo amity tragno ty raty fagnahy ty
ozo Yaveh, fa mitahy ty toera ty ndaty mare kea Re. [34]Mandatsa ty mpandraviravy Re, fa magnomea saotre ho ahy
ty ndaty magnetre-bata.[35]Ty ndaty hendre mandova hasy, fa ty gege kea le hiakatre amity hegnane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Midranjigna, ty fagnanara ty rae, ry zanako, naho miambena mba hahaianareo ty atao hoe fazavan-tsay.
[2]Magnomea fagnanara soa anao raho; ko mahafoe ty fagnanarako.[3]Tamity mboe naha-ana ty raeko ahy, ty mora
fagnahy naho anake toka ty reneko, [4]le le nagnanatre ahy re naho nanao tamiko hoe:" Ao ty arofonao hita mafe
reo rehako; ambeno reo liliko le ho velo nareo.[5]Mahazoa hamarea vaho fazavan-tsay; ko magnaligno naho ko
milietse reo reha ty vavako; [6]ko afoe ty hamarea naho hiambe anareo re; teavo re le hiaro anareo.[7]Ty hamarea ro
zaka-soa vatane, ka mahazoa hamarea naho lanio ze hanagnanareo iaby mba hahazoanareo fazavan-tsay. [8]Ao ho
hainao ty hamarea le hagnakatre anareo re; hagnaja anareo re laha mamihy aze nareo. [9]Hametrake feheloham-
pagnaja eo ambone ty lohanareo re; naho hagnomea anareo satrom-bonenahetse soa tarehe."[10]Midranjigna, ry
zanako, naho miambena ty rehako, le hana tao maro hivelogna riha. [11]Hanoro lala anao amity lalam-pahamarea
raho; naho hitarike anao ho amireo lala mahity raho. [12]Laha fa mindeha riha, le tsy hisy ndaty hitsanga amity
lalanao naho laha milay riha, le tsy ho tafintohy.[13]Tano reo torolala, ko enga hindeha; tano, fa fiaignanao zay. [14]Ko
magnorike ty lala ty raty fagnahy naho ko mindeha magnorike ty lala reo ze manao raty. [15]Hilaiso zay, naho ko
mindeha amizay; miala amizay naho mindehana amity lalan-kafa.[16]Fa tsy-miroro iereo zisike ty hanovane raty
naho robake-roro iereo zisike ty ampitohignane ndaty. [17]Fa iereo le mihina ty mofo ty haratia naho mino ty divay
ty seresere.[18]Fa ty lala ty ndaty mare le manahake ty hazava voalohane ze mihamazava; mamirapiratre zay zisike
hazava ty andro. [19]Ty lala ty raty fagnahy le manahake ty ieke__tsy hay iereo ze manafintohy iereo.[20]Ry zanako,
ambeno ty rehako; atongilano amity rehako ty sofinao. [21]Ko enga hiala amity masonao reo; tano ao amponao zay.
[22]Fa ty rehako le fiay ho ahy reo ze mahisake aze naho hasalama ho ahy ty vata iereo iaby. [23]Arovo ty Arofonao
naho ambeno amity fiambena iaby zay, fa avy amizay ro hiligna ty loharanom-piay.[24]Afaho aminao eo ty rehake
mivilambila naho ty rehake manimba lavitre anao. [25]Ao ty masonao hanente mahity vaho hiambe mahity ty
alohanao eo.[26]Magnamboara lala mahity ho ahy ty tombonao; le hilamy ty lalanao iaby. [27]Ko miotake ho amity
ankavia na ankavana; halaviro amity raty ty tombonao.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Ry zanako, ambeno ty hamareako; atongilano amity fazavan-tsaiko ty sofinao, [2]mba hianatre momba ty fahitia
riha naho hiaro fahaia ty sogninao.[3]Fa ty sogny ty ampela mpitsangatsanga mitete tantele naho ty vavane le
malama noho ty diloilo, [4]nefa agne amparane le hangily manahake ty meso masio.[5]Mizotro mbaeo amity fate ty
tambone; naho ty liane mbaeo amity fiaigna-tsy hisake. [6]Tsy mihevetre ty lala ty fiaigna re. Mirererere ty lian-
tombone; naho tsy haine ze ombane.[7]Amizao, ry anako, midranjigna Ahy; ko mivio amity fidranjigna ty reha ty
vavako. [8]Halaviro aze ty lalanao naho ko magnenke ty varavara ty tragnone.[9]Amizay le tsy hagnomea ty hasinao
amity hafa riha na ty tao ivelomanao ho ahy ty ndatin-dozabey; [10]tsy hifete amity hareanao reo vahiny; naho ze le
fa niasanao le tsy ho avy ao antragno reo vahiny.[11]Amity fara ty androm-piaignanao le hitempo riha laha fa
hihasoa ty nofonao vaho ty vatanao. [12]Hirehake riha hoe:" Hey ty falaiko ty fagnanara vaho fanao ty foko
tsinontsino ty fagnitia![13]Tsy nagnenke reo mpagnanako raho na nanongila ty sofiko tamireo mpagnanatre ahy.
[14]Le fa rava vatane raho teo agnivo ty fiangona, teo amity fivoria ty nadty."[15]Minoma rano bakao amity famorian-
dranonao naho minoma rano mily bakao amity lava-dranonao. [16]Feie tokone hiboiboike na aia aia vao ty
loharanonao naho hily egne andalambey ty loharanonao? [17]Ao hoanao arere avao rey fa tsy ho ahy reo vahiny
miarake aminao.[18]Ho voatahy anie ty loharanonao naho ao hifale amity valy ty hatanoranao riha, [19]fa diera
mahate-ho tea re naho osen'ala soa. Ao hahafa-po anao amity andro iaby ty nonone; ao ho mamo ty fiteane
zisikagne anie riha.[20]Fa nagnino riha, ry zanako, ro tokone azo ty ampela janga; nagnino riha ro tokone hamihy ty
tratra reo ampela raty entam-bata? [21]Mahisake ty zaka atao ty ndaty iaby ty Yaveh naho manente ty lala ombane
iaby.[22]Ty ndaty raty fagnahy le azo ty helone avao; reo kofehe ty hadisoane ro hamehe aze mafe. [23]Ho mate noho
ty tsy fahampea ty fagnanara re; voatarike agne amity lalan-diso noho ty hebey ty hagegeane re.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

[1]Ry zanako, laha nanoka ty volanao ho antoke amity tsosa ty namanao riha, laha nampagnategna fitsosam-bola
ho ahy ty ndaty tsy hainao riha, [2]le fa nametrake fandrike ho ahy ty vatanao tamity fampagnantegnanao riha,
naho le fa voasoky ty rehake naboake ty vavanao.[3]Laha voasoky ty rehanao riha, ry zanako, le anovo zao ka
vonjeo ty vatanao, satria le fa lavo teo antagna ty namanao riha; mindehana ka magne-trea-bata naho
mangataha eo agnoloa ty namanao.[4]Ko enga hiroro ty masonao naho ko enga hotavela ty holi-masonao. [5]Vonjeo
ty vatanao manahake ty gazela egne antagna ty mpihaza, manahake ty voro eo antagna ty mpamandri-boro.
[6]Henteo ty vitike, ry ndaty-malay, dineho ty fataone ka mimarea. [7]Tsy mana komandy, mpifehe, na mpandily re,
[8]kanefa mamory ty sakafone amity fotoan'ora naho mita ty fararano ro hamoriane ze hohanene.[9]Zisike ombia ro
hiroroanao, ry ndaty malay? Ombia riha vaho hifoha amity roronao? [10]"Roro kele, fahalasa kele, famoretan-tagna
kele mba hitofa"__[11]naho le hoavy manahake ty mpangalatre ty fahantranao ka ty fipaianao manahake ty
miaramila mirongo fialia.[12]Ty ndaty-foa__ty ndaty raty fagnahy__le miay amity heloke amity rehane, [13]mipie-
maso, magnomea famantara amity tombone naho manondro amireo rabon-tagnane.[14]Manao heve-draty vaho
fitake ao ampone re; manao fifandiera zisikagne re. [15]Laha zao le hahatratre aze tampoke ty lozane; ao agnate ty
andro bory le ho poteke lavitre ty fagnafaha re.[16]Misy zaka ene tsy tea Yaveh, fito ty mamparikoriko Aze.[17]Ty maso
ty ndaty mpirehareha, ty lela mpavande, ty tagna mpampipo-dio ty ndaty tsy manan-tsiny, [18]ty arofo mamoro
sain-draty, ty tomboke ze malaky amity lailay hanao raty, [19]ty vavolombelo ze navande naho magnisy fifandiera
eo amity rahalahine.[20]Ry zanako, enkeno ty lilindraenao naho ko mahafoe ty fagnanaran-drenenao. [21]Feheo ao
amponao zisikagne reo; feheo eo ambozonao reo.[22]Laha mindeha riha, le hitari-dala anao reo; laha miroro riha,
le hiambe anao reo; naho laha mifoha riha, le hagnanatre anao reo. [23]Fa fanilo ty lily, naho hazava ty fagnanara;
reo anatre ze bakamity fagnanara ro lala ty fiaigna.[24]Miaro anao amity ampela raty entam-bata zay, amity rehake
maleme ty ampela raty entam-bata. [25]Ao ty arofonao tsy hotea ty hasoane naho ko enga hahazo anao amity
volomasone re.[26]Ty fiaraha-miroro amity mpitsangatsanga le vilienao amity tsila-mofo, fa ty valy ty hafa le
vilienao amity fiainao vatane. [27]Misy ndaty afake minday afo eo antratrane vao ka tsy magnoro ty akanjone?
[28]Misy ndaty mahalia vaen'afo may vao ka tsy homasake ty tombone? [29]Hoe zay kea ty lahilahy miarake-miroro
amity valy ty namane; ze miarake miroro amine le tsy ho bototse.[30]Tsy hagnamavo ty mpangalatre ty ndaty laha
mangalatre mba hahafa-po ty paiane laha fa kere re. [31]Fa laha tratre kea re, le hagnavake impito ze nangalarene;
tsy maintsy mamoe ty zaka lafovily iaby antragnone ao re.[32]Ze mitsangatsanga le tsy misy say; ze manao zay le
manimba ty vatane. [33]Fere vaho hegnatse ro soa amine naho tsy ho voafafa ty habarakane.[34]Fa ty hasarotene ro
mahameloke ty lahilahy; tsy hanoro fandefera re laha fa mamale fate. [35]Tsy hagnenke avake re naho tsy ho voa
tambetambe, na le ameanao fomey maro aza.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 7

[1]Ry zanako, ambeno ty rehako naho tano ao agnatenao reo liliko. [2]Ambeno ty liliko mba ho velo riha naho
ambeno manahake ty anakandriamasonao ty fagnakarako. [3]Feheo eo amireo rabon-tagnanao rey; sorato eo amity
vato pisake ty arofonao rey.[4]Ambarao ty hamarea hoe:" Anabaveko riha," naho kaiho hoe longonao vatane ty
hazavan-tsay, [5]mba hiambenanao ty vatanao amity ampela janga, amity ampela raty entam-bata miarake amity
rehane malama.[6]Teo amity varavara kele ty tragnoko le nagnente tagne ambalike bakeo amity makarakara raho.
[7]Nanente reo ndaty kele say raho, naho voamareko tamireo tanora ty ajalahy raike ze tsy nisy say.[8]Nandrio teo
amity lala agnila ty kihon-dalane ze ajalahy zay, naho nimbaeo antragnone. [9]Somabisaby tamizay, tamity andro
hariva, vaho tamity andro ty haleke vaho ty ieke.[10]Nisy ampela nanalaka aze, niakanjo manahake ty mpivaro-
bata, ze fetse ampo. [11]Sady vavae re ro mirehareha; tsy tafijano antragno ao ty tambone. [12]Tsielatsiela egne
andalambey, bakeo egne antsena, naho egne anjoron-tragno iaby egne re ro miambe mamitsake.[13]Ka le
nandrakoke aze re ka nagnoroke aze, tamity tarehe maliso ro nirehafane tamine hoe: [14]"Nanao fagnatem-
pilongoa raho androany, nagnefa reo vavako raho, [15]ka le niakatre hanalaka anao raho, mba hipay mafe ty
vatanao, naho le nahisake anao raho.[16]Lefa namelatre lamba fisaro, rongone foty miloko bakagne Egypta, teo
amity fandreako raho. [17]Le fa nandrarahako miora, havozo, naho kanele ty fandreako. [18]Avia, ndao tika hovoke
fitea zisike maray; ndao tika hangalake fagnantsarea amity fitea.[19]Fa tsy ao antragnone ty valiko; lasa nivahiny
lavitre re. [20]Ninday kitapom-bola niarake tamine re; hihere re amity andro ty fenomana." [21]Tamity tsara-bey ro
nitaonane aze; tamity falama ty sognine ro namitahane aze.[22]Nindeha nagnorike aze bakao afara tampoke
manahake ty agnombe ente ho vonoe, manahake ty diera voatsepake agnate fandrike re, [23]mandra-pitsato ty
folese eo amity atene. Manahake ty voro ze mitsoriake ho eo amity fandrike. Tsy haine fa hamono ty fiaine zay.
[24]Ka midranjigna ahy nareo, ry anadahiko; ambeno reo reha ty vavako. [25]Ao tsy hiotake amireo lalane anie ty
fonareo; ko miotake amireo lalan-disone.[26]Nahalavo ndaty voatomboke maro re; maro le maro reo niazo ty fate
azone. [27]Egne amity lala mbaeo amity fiaigna-tsy hisake ty tragnone; mizotro mbaeo amity efetragno firoroa
maieke ty fifateza iereo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 8

[1]Tsy mikaike mafe vao ty Hamarea? Tsy magnaka-peo vao ty Fazavan-tsay? [2]Eo amireo ambonen-tazoa agnila ty
lala, ao amireo fizaran-dala, ro hisia ty hamarea. [3]Eo agnoloa reo vavahady ao amity filira mbaeo antana, eo
amity filira mbaeo antana, ro hikaihane.4 "Inareo, ry vahoake, ro kaiheko; ty feoko le ho ahy reo anagn'ondaty.
[5]Inareo ze azo, mianara hamarea; naho nareo ze gege, managna fazavan-tsay nareo.[6]Dranjigno, satria mirehake
reo zaka soa-hajae raho, naho laha fa mivoha ty sogniko le hirehake zaka mare raho. [7]Fa ty vavako mirehake ze
soam-pitokia, naho ty faharatia mamparikoriko ty sogniko.[8]Ty raha ty vavako iaby le mare; tsy nisy miolakolake
na fitake amireo. [9]Mahity ho ahy ty ndaty ze mahatakatre aze; reo rehako le mare ho ahy reo ze mahisake fahaia.
[10]Mandraesa ty fagnanarako fa tsy ty volafoty; mandraesa fahaia fa tsy ty volamena tsy miharo. [11]Fa soa noho ty
ravake ty hamarea; tsy misy harea mitovy amine.[12]Izaho, Hamarea, le miarake amity fiambena, naho mana
fahaia vaho fahitia. [13]Ty tahotre Yaveh le mba halaigna ty raty. Hejeko ty fieboebo vaho avognavo, ty fomba raty,
vaho ty reha-draty. Halako reo.[14]Mana torohevetre soa vaho hamarea mare raho; lalen-tsay raho; ahy ty here.
[15]Amity alalako ro anjaka reo mpanjaka__reo lahilahy manan-kaja avao kea, vaho iabike ze mifehe amity fahitia.
[16]Amity alalako ro andilia reo roandrian-dahy, reo manan-kasy, vaho iabike ze mifehe amity fahitia.[17]Teako ze tea
ahy, naho reo ze mipay ahy mafe, le hahisake ahy. [18]Amiko ao ty harea vaho hasy, harea ela naho fahitia.[19]Ty
vokako le soa noho ty volamena, egne na ty volamena soa vatane aza; soa noho ty volafoty malio ty vokako.
[20]Mindeha amity lala ty fahitia, agnivo reo lala ty mare raho. [21]Voka zay, le ataoko mandova harea reo ze tea ahy;
fenoeko ty fisian-draketre iereo.[22]Namboatse ahy Yaveh tamity voalohane, ty asane voalohane tamizay. [23]Taloha
ela bey le naho raho__zisike amboalohane, zisikamity nanomboha ty tane.[24]Taloha ty nisia ty riake, le terake
raho__taloha ty nahaleovako rano reo loharano. [25]Taloha ty nametraha reo vohitse naho taloha reo tazoa, le
terake raho.[26]Lefa terake raho taloha ty namboaran'Agnahare ty tane na ty baibo, egne fa na le ty deboke
voalohane tamizao tontolo zao aza. [27]Le fa teo raho tamy nametrake ty lagnitse Re, tamy Re nanoritre boribory
tagne amity faritre ty laleke.[28]Le fa teo raho tamy Re nametrake ty raho ambone naho tamy namboare reo
loharano tagne amity laleke. [29]Le fa teo raho tamy Re namaritre ty fara ty riake, ka le tsy nihoatre ty lily reo rano,
naho tamy namarita ty fagnoregna ty tane maike.[30]Mpanao asa tagna tena mahay teo agnilane raho; zaho ro
fifaleane isan'andro isan'andro, mifale zisikagne teo agnoloane raho. [31]Nifale tao amity tontolone iaby raho, naho
ty fifaleako le tao amireo anagn'ondaty.[32]Amizao, ry zanako, midranjigna ahy, fa reo ze miambe reo lalako le ho
voatahy. [33]Midranjigna ty fagnanarako ka mimarea; ko manao tsinontsino zay. [34]Ze midranjy ahy le ho voatahy.
Hiambe isan'andro eo ambaravarako re, miambe agnila reo tsangatsanga reo varavarako.[35]Fa na ia ia mahisake
ahy, le mahisake fiaigna, naho hahisake saotre amin'Agnahare re. [36]Fa re ze tsy mahisake, le manimba ty fiaine
avao; iaby ze malay ahy le tea fate."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 9

[1]Nagnamboatre ty tragnone arere ty hamarea; nanao asa sokitre ambe fito bakamity vatolampy re. [2]Namono reo
bibine re; nampiharo ty divaene re; naho nametrake ty latabane.[3]Nagnirake reo mpiasa antragnone re; nikaike
tegne amireo toera abo vatane ty tana re hoe: [4]"Ia ro gege? Ao re hamonje mbetoa!" Ho ahy ze tsy ampe say soa ro
nirehafane.[5]"Avia, hano ty sakafoko, naho nomo ty divay hinaroko. [6]Ialao reo fihetsenao gege naho mivelogna;
mindehana amity lala ty fazavan-tsay.[7]Na ia ia magnanatre ty mpagnaraty le handrae fagnararaota; naho na ia ia
hirehake mafe ty raty fagnahy le handrae reo fagnaratia. [8]Ko magnanatre ty mpagnaraty, laha tsy zay le ho
halane riha; [9]anaro ty ndaty hendre, le ho tahie riha. Magnomea ty ndaty hendre, le ho lasa hendre ndraike re;
anaro ty ndaty mare, le hagnampe ty fianarane re.[10]Ty fatahora Yaveh ro loham-pahamarea, naho ty fahaia Ty
Masy ro fazavan-tsay. [11]Fa amity alalako ro hihamaroa ty andronao; naho hampeako tao maro ty fiaignanao.
[12]Laha hendre riha, le hendre ho ahy ty vatanao avao, naho laha magnaraty riha, le hinday zay amity vatanao
avao."[13]Ty ampela ty hagegea le tsy mahay, tsy tineza re naho tsy mahay na ino ino. [14]Mipetrake eo ambaravara ty
tragnone re; eo amity seza amity toera abo vatane amity tane. [15]Mikaike reo ze mandrio amireo lala re, amity
ndaty ze mindeha mahity amity lala iereo.[16]"Na ia ia gege ao re hihere eto ndraike," hoe re amireo ze tsy misy say.
[17]"Mamy ty rano nangalare, naho soa ty mofo ty tsikotsiko." [18]Fa tsy haine fa agne ty mate, fa reo vahiny hinafatse
le agne amity halale ty fiaignan-tsy hisake.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 10

[1]Ohabola Solomona. Ty anake hendre mahafale ty raene fa ty anake geg minday halagy ho ahy ty renene. [2]Ty
harea navory tamity raty le tsy manan-danja, fa ty fanova ty mare ro miaro anao amity fate. [3]Tsy enga Yaveh ho
kere ty fagnahy ty ndaty mare, fa mandrava reo fagniria ty raty fagnahy Re.[4]Ty tagna kamo ro antone
mampahatra ty ndaty, fa ty tagna ty ndaty mazoto mahazo harea. [5]Ty anake hendre mamory vokatre amity
san'ora, fa mahamegnatre aze ty miroro zisike ty fihaza.[6]Reo fomey bakamin'Agnahare le eo amity loha ty ndaty
mare, fa ty vava ty raty fagnahy le manaro seresere. [7]Ty ndaty mare mampifale reo ze mahatiaro aze, fa ty
agnara ty raty fagnahy le ho lo.[8]Reo ze hendre magnenke reo lily, fa ty gege mahay vava le ho rava. [9]Re ze
mindeha ampahitia le mindeha ampilamina, fa ze manao ty lalane ho meloke, le ho hisake.[10]Re ze mipie-maso le
hahavy alahelo, fa ty gege bey rehake le hazera. [11]Ty vava ty ndaty mare le loharanom-piay, fa ty vava ty raty
fagnahy le manaro seresere.[12]Ty falay mampisy aly, fa ty fitea manaro ty hadisoa iaby. [13]Hisake amity sogny ty
ndaty manan-tsay ty hamarea, f tsila-ketae ro ho amity lambosy ty tsy misy say.14Ty ndaty hendre le mitahiry
fahaia, fa ty vava ty gege hinday harava hamonje. [15]Ty harea ty ndaty manan-karea le ty tana mafe ore; ty
fahantra ty mahantra le harava iereo.[16]Minday ho amity fiaigna ty karama ty ndaty mare; ty tombone azo ty raty
fagnahy le minday iereo ho amity hadisoa. [17]Misy lala mbaeo amity fiaigna ho ahy ze magnorike ty fotsipeke, fa ze
milietse fagnaliloa le mindeha amity lalan-diso.[18]Ze magnaja falay le mana sogny mpavande, naho ze magnele
vandevande le gege. [19]Laha misy rehake maro, le tsy iala ty heloke, fa ze miambe ze rehane ro hendre.[20]Volafoty
voamare ty lela ty ndaty mare; tsy le misy lanjane ty ao ampo ty raty fagnahy. [21]Ty sogny ty ndaty mare mamelo
ty maro, fa mate ty gege noho ty tsy fiampea iereo hilala.[22]Ty fomey soa bakamy Yaveh ro minday harea naho tsy
ampeane fanaintay zay. [23]Fihisa fatao ty gege ty sata-raty, fa ty hamarea ro tea ty ndaty mana fazavan-tsay.[24]Ty
taho ty ndaty raty fagnahy le hahavoa aze, fa ty fagniria ty ndaty mare le homea aze. [25]Ty raty fagnahy le
manahake ty tafio-tioke ze mandrio, naho tsy eo sase iereo, fa ty ndaty mare le fotora ze maharetre zisikezay.
[26]Manahake ty vinangitse eo amity nife naho deboke eo amity maso, le mba hoe zay kea ty malay amize
magnirake aze. [27]Ty tahotre Yaveh ro maha-lava velo, fa ty tao ty mpanao raty le ho bory.[28]Ty fagnategna ty ndaty
mare ro hafalea iereo, fa ty tao ty raty fagnahy le ho bory. [29]Ty lala Yaveh le miaro reo ze mare, fa fandrava ho
ahy ty raty fagnahy zay. [30]Ty ndaty mare tsy ho rava zisikezay, fa ty raty fagnahy le tsy hitoboke amity tane.
[31]Bakao amity vava ty ndaty mare ro hiavia ty voka ty hamarea, fa ty lela mpavande le horavae. [32]Ty sogny ty
ndaty mare mahay ze mete, fa ty vava ty raty fagnahy, mahay ze fitake.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 11

[1]Heje Yaveh reo lanja ze tsy mare, fa teane ty lanja mare re. [2]Laha avy ty firehareha, le avy ty fahafaham-baraka,
fa amity fagnetre-bata ro hiavia ty hamarea.[3]Ty sty fivaliha ty mahity ro mitari-dala iereo, fa ty lala meloke ty
mpivalike le mamoteke iereo. [4]Zaka-foa ty harea amity andro ty havignira, fa ty asa mare le miaro anao amity
fate.[5]Ty entam-bata mare ty tsy manan-tsiny le mampahity ty lalane, fa ty raty fagnahy le ho lavo noho ty
haratiam-pagnahine avao. [6]Ty entam-bata soa ze mahafale an'Agnahare le miaro aze, fa ty mpivalike le
voafandrike ty paia iereo.[7]Laha fa mate ty ndaty raty fagnahy, le rava ty fagnantegnane naho ty fagnantena ze tao
amity ozane le lasa zaka-foa. [8]Ty ndaty mare arove lavitre ty fijalea fa avy amity raty fagnahy kea zay.[9]Amity
vavane ro amotehane ty mpagnaraty ty namane, fa amity fahaia ro iarova ty ndaty mare. [10]Laha fa ambine ty
ndaty mare, le mifalefale ty tana; laha fa rava ty raty fagnahy, le misy hiakam-pifalea. [11]Amity alala reo fagnomea
soa ze ahy reo mahafale an'Agnahare, ro mahavy ty tana ho bey; amity vava ty raty fagnahy, ro hahapoteke ty
tana.[12]Ty ndaty ze magnaraty ty namane le tsy misy say, fa ty ndaty mana hazavan-tsay le mitsy. [13]Iaby ze mbaeo
amity vandevande le magnakatre tsiko, fa ty ndaty matoky le mita ty raraha raike hisaro.[14]Laha tsy misy mpinday
hendre, le hirotsake ty firene, fa ty haharesea le avy amity fangala hevetre amity mpagnomea hevetre maro.[15]Na
ia ia miantoke tsosa ho ahy ty vahiny le hijale mafe vatane, fa ty raike ze malay ty fomey antoke amize karazan-
toky zay ro voaaro, [16]Ty ampela soa fagnahy le mahazo hasy, fa ty ndaty masiake mahazo harea.[17]Ty ndaty soa
fagnahy magnomea tambone ho ahy ty vatane, fa ty raike ze lozabey mamere ty vatane. [18]Ty ndaty raty fagnahy
le mavande mba hahazoane ty karamane, fa ty raike ze manao ty mare le hihaza ty karama ty fahitia.[19]Ty ndaty
mare ze manao ty mete le ho rava, fa ty raike ze magnorike ty raty le ho mate. [20]Yaveh malay reo ze mana arofo
mivalike, fa tea reo ze mindeha tsy manan-tsiny Re.[21]Zao ro anovo azo antoke__ty ndaty raty fagnahy le tsy ho
bototse, fa reo foko ty ndaty mare le ho voaaro. [22]Ty ampela soa tarehe tsy misy fahitia le manahake ty kavim-
bolamena eo amity oron-kiso.[23]Ty fagniria ty ndaty mare miafara amity soa, fa heloke avao ro azo ty ndaty raty
fagnahy antegnae. [24]Misy ze manao ty voa__mahavory maro lavitre re; ty hafa tsy manao__le avy amity fahantra
re.[25]Ty ndaty matarike le hambine naho ty raike ze magnomea rano ho ahy ty hafa le hana rano ho ahy ty vatane.
[26]Ozogne ty ndaty ty lahilahy ze milietse tsy hivarotre voa, fa reo fomey soa ro satron-kasy ty loha ze mivarotre
zay.[27]Ze mipay mafe ty soa le mipay saotre avao kea, fa ty raike ze mipay ty raty le hahisake zay. [28]Reo ze
mifahatre amity hareane le ho lavo, fa manahake ty raven'akata, ro hamokara ty ndaty mare.[29]Ze minday koronta
ao amity fokone avao le handova tioke naho ty gege le ho lasa mpanompo ty hendre am-po.[30]Ty ndaty mare le
hanahake ty hetaem-piay. [31]Ingo! Ty ndaty mare mandrae ze mete amine; vaho maike ty raty fagnahy vaho ty
mpanonta!



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 12

[1]Na ia ia tea anatse le tea fahaia, fa gege ze malay fahitia. [2]Yaveh le magnomea saotre ty ndaty soa, fa
magnameloke ty nadty ze manao heve-draty Re.[3]Ty ndaty le tsy ho eo amity haratia, fa ty ndaty mare tsy afake
horavae. [4]Ty valy soa le satron-kasy ty valine, fa ze minday hegnatre le hoe ty arete ze maha-lo ty taolane.[5]Mahity
ty fikasa ty mare, fa mamitake ty dine ty raty. [6]Ty reha ty ndaty raty fagnahy le otreke miambe vinta hamonoa, fa
ty reha ty mahity kea ro miaro iereo.[7]Ty ndaty raty fagnahy le ravae naho lasa iereo, fa ty tragno ty ndaty mare
kea le hitsanga. [8]Antsae amity hamaro ty hamarea anagnane ty ndaty, fa ze manao safidy raty kea le atao
tsinotsino.[9]Soa kea ty mana toera tsy manan-danja__mpanompo avao__noho ty mirehareha amity fiamboneanao
nefa tsy manan-kohane. [10]Ty ndaty mare le miahy ty momba reo paia ty biby, fa na le ty fiferenaigna ty arofo ty
raty fagnahy aza le lozabey.[11]Ze miasa ty tanene le hana sakafo bey, fa na ia ia magnenjeke reo asa tsy misy
dikane kea le tsy misy saine. [12]Ty ndaty raty fagnahy magniry ze nangalare ty ndaty raty tamity hafa, fa ty vokatre
ty ndaty mare kea le bakamity vatagniereo avao.[13]Ty ndaty raty le voafandrike ty rehan-dratine, fa ty ndaty mare
kea le milay ty ndaty. [14]Bakamity vokatre ty rehane ro maha-feno zaka-soa ty ndaty, manahake ty hamalea ty asa
ty tagnane soa aze avao.[15]Ty lala ty gege le mare eo amasone avao, fa ty ndaty hendre kea midranjy toro-hevetre.
[16]Ty gege le manoro ty helone amboalohane, fa ze tsy miraharaha fagnaratia kea ro mare.[17]Ze mirehake ty mare le
mirehake ze rarene, fa ty fijoroa vavolombelo diso kea mirehake vande. [18]Ty reha ze mirehake ampimeha le
manahake fitsovo ty meso, fa minday fagnafaha kea ty lela ty hendre.[19]Ty sogny mare le maharetre zisikagne, fa
ty lela mpavande kea ho amity andro fohe avao. [20]Misy fitake ao ampo reo ze manao heve-draty, fa hafalea kea ro
bakamireo mpagnomea-hevetre filamina.[21]Tsy misy arete avy amity ndaty mare, fa ty ndaty raty fagnahy kea
feno hasahira. [22]Malay ty sogny mavande Yaveh, fa reo ze mivelo amim-patokisa kea ro teane.[23]Magnaja ty
fahaiane ty ndaty hendre, fa ty arofo ty gege kea mikorake hagegea. [24]Ty tagna ty mazoto le handily, fa ty ndaty
kamo kea alefa manao asa seresere.[25]Ty fitahia ao ampo ty ndaty mampiondreke aze, fa ty rehake soa kea
mahafale aze. [26]Ty ndaty mare le mpitari-dia ho ahy ty namane, fa ty lala ty raty fagnahy mitarike iereo amity
lalan-diso.[27]Ty ndaty kamo le tsy hamonje ty fihaza iereo, fa ty nadty mazoto kea hahazo harea lafovily. [28]Reo ze
mindeha amity lala-mare le mahisake fiaigna naho tsy misy fate ty lala zay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 13

[1]Maharey ty fanganara ty raene ty anake hendre, fa ty mpagnaraty le tsy midranjy siake. [2]Bakamity vokatre ty
vavane ro isitriha ty ndaty reo zaka-soa, fa ty homa ty mpamitake le ho ahy ty rehareha.[3]Ze miambe ty vavane ro
miaro ty fiaine, fa ze misagnasagna vava le handrava ty vatane avao. [4]Ty homa reo ndaty kamo le magniry nefa
tsy mahazo na ino ino, fa ty homa ty ndaty mazoto le ho afa-po vatane.[5]Reo ndaty mare le malay ty vande, fa ty
ndaty raty fagnahy le manao ty vatane ho marikoriko, naho manao ze mahamegnatre re. [6]Ty fahitita le miaro reo
ze tsy misy tsiny amity lalane, fa ty haratia mamalike reo ze manonta.[7]Misy ndaty maham-pagnarivo ty vatane,
nefa tsy mana na ino ino vatane naho misy ndaty mahafoe ty zaka iaby, nefa tena manan-karea. [8]Ty solo vaike ty
fiay ty ndaty manan-karea le ty hareane, fa ty ndaty mahantra tsy maharey fampitahora.[9]Mifale ty hazava ty
ndaty mare, fa ty jiro ty raty fagnahy le ho vonoe. [10]Fifandiera avao ro atao ty avognavo, fa ho ahy reo ze
midranjy torohevetre soa ro misy hamarea.[11]Hihatsiampe ty harea laha fa bey loatre ty zaka-foa, fa ty raike ze
mihare vola amity asa ty tagnane le hanombo ty volane. [12]Laha fa mihemotre ty fagnategna, le mamere arofo zay,
fa ty fagniria vatane ro hetaem-piay.[13]Ze malay ty fagnanara ro mboe hoazo zay, fa ze magnaja ty lily le hahazo
valesoa. [14]Ty fagnanara ty ndaty hendre le loharanom-piay, magnafake anao amity fandrike ty fate.[15]Ty fiambena
soa le ahazoa fitea, fa ty lala ty mpivalike tsy hijano zisikagne. [16]Ty ndaty mare le mandrae ty fanapahan-kevetre
iaby amity fahaia, fa ty gege le manoro ty hagegeane.[17]Ty irake raty fagnahy ho latsake agnate fijalea, fa ty irake
matoky minday fampilongoa. [18]Ze tsy miraharaha fagnanara hahantra vaho ho megnatse, fa ty hasy le hoavy
amize mianatre amity fanoroa.[19]Ty fagniria vatane mamy ty arofo, fa ty gege malay ty fiala amity raty. [20]Miaraha
lala amity ndaty hendre le ho hendre riha, fa ty nama ty gege le hijale amity raty.[21]Magnia ty mpanonta ty loza, fa
ty ndaty mare le amea valesoa amity soa. [22]Magnenga lova ho ahy ty zafene ty ndaty soa, fa ty harea ty mpanonta
le tahirie ho ahy ty ndaty mare.[23]Ty baibo tsy mboe niasa reo mahantra le afake mamokatre hane maro, fa
voafafa amity tsy rarene zay. [24]Ze tsy magnity ty anane le malay aze, fa ze tea ty anane le miambe ty hagnanatre
aze soa.[25]Ty ndaty mare le hihina zisike ty hivokisane, fa ty troke ty raty fagnahy le ho kere zisikagne.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 14

[1]Ty ampela hendre mananga ty tragone, fa ty ampela gege mandrava zay amity tagnane avao. [2]Ze mindeha
ampahitia le matahotre Yaveh, fa ze tsy mare amity lalane le manao tsinotsino Aze.[3]Amity vava ty gege ro hiavia
ty tsimoke ty reharehane, fa ty sogny ty hendre hiaro iereo. [4]Agne amize tsy misy biby hare ro malio ty sabora
fihinana, fa bey ty vokatre mete ho avy amity oza ty agnombe.[5]Ty vavolombelo matoky le tsy mavande, fa ty
vavolombelo sandoke mavande. [6]Mipay hamarea ty mpagnaraty fa tsy mahisake, fa hoavy mora avao amize
manan-tsay ty fahaia.[7]Miala amity ndaty gege, fa tsy hahisake fahaia eo amity sognine riha. [8]Ty hamarea ho ahy
ty ndaty mahity le ty mahatakatre ty lalane avao, fa ty hagegea reo gege le fitake.[9]Magnafake reo gege laha fa
voasoro ty fagnatetre noho ty heloke, fa voazara eo amireo mahity ty fitea. [10]Ty arofo mahay ty fararene naho tsy
misy vahiny mizara ty hafaleane.[11]Ho poteke ty tragno ty ndaty raty fagnahy fa hanimba ty tragno ty ndaty
mahity. [12]Misy lala ze hoe mare eo amity ndaty, fa ty farane avao ro mitarike amity fate.[13]Afake mihehe ty arofo
nefa marare naho mete hiafara amity alahelo ty hafalea. [14]Ze tsy matoky le hahazo ze tandrife ty lalane, fa ty
ndaty soa hahazo ze aze.[15]Ze gege le mino ty zaka iaby, fa ty ndaty mahilala kea midineke reo liane. [16]Matahotre ty
ndaty hendre naho miala amity raty, fa ty gege kea milietse fampiambena amin-toky.[17]Ze malaky meloke le
manao zaka hagegea, naho ty ndaty ze manao heve-draty le tsy teave. [18]Ty gege le mandova hagegea, fa ty ndaty
hendre kea ho satron-kasy amity fahaia.[19]Ty ndaty raty hihohoke eo agnoloa ze soa naho reo ze raty fagnahy
hihohoke eo amireo vavahady ty ndaty mare. [20]Tsy teave ty ndaty mahantra na le reo namane avao aza, fa ty
ndaty manan-karea mana nama maro.[21]Ze manoro fagnaratia ty namane le manonta, fa sambatre ze manoro
fitea amity mahantra. [22]Tsy reo ze manao heve-draty vao ro mindeha amity heve-diso? Fa reo ze mikasa ty hanao
ty soa le hahazo fagnenkea matoky vaho hasoam-patokia.[23]Bakamity asa mafe iaby ro hahazoa tombone, fa laha
rehake avao, le mitarike ho amity fahantra zay. [24]Satro-boninahitre ty ndaty hendre ty hareane, fa ty gege reo
gege minday hagegea fagnampene iereo avao.[25]Ty vavolombelo mare magnavotre arofo, fa ty vavolombelo
sandoke manao vande.[26]Laha fa matahotre Yaveh ty ndaty raike, le mana fatokia maro amine avao kea re; reo
zaka reo le hanahake ty toera fiaro mafe ho ahy zay anake zay lahilahy zay. [27]Ty hatanora ahy Yaveh le
fotoran'arofo, mba hahafaha ty ndaty miala amireo fandrike ty fate.[28]Hisake amity hamaro ty vahoakene ty hasy
ty mpanjaka, fa laha tsy misy vahoake le rava ty roandria. [29]Ty ndaty maharetre le mana fahaia bey, fa ty ndaty
malaky meloke manao hagegea.[30]Ty arofo milamy le fiay ho ahy ty vata, fa ty fialogna le maha-lo ty taola. [31]Ze
mampijale ty mahantra le magnozo ty mpamoro aze, fa ze raike manoro fisaora amity sahira le magnomea hasy
aze.[32]Ty ndaty raty fagnahy le azotrognireo asa-ratine, fa ty ndaty mare le hanam-pialofa na amity fate aza. [33]Ty
fahendrea mitoboke ao ampo ty mahilala, fa na le eo amireo gege aza le engane ho hay ty amine.[34]Ty fanova ty
mare le magnakatre firene, fa ty hadisoa le fahafaham-baraka ho ahy ty ndaty iaby. [35]Ty fisaora ty mpanjaka le
miarake amity mpanompo ze miasa ampitandrema, fa ty helone le ho ahy ze miasa amim-pimegnara.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 15

[1]Ty valen-drehake maleme le mamio ty heloke, fa ty rehake masiake magnetreke hasosora. [2]Ty lela ty hendre
midoka fahaia, fa ty vava ty gege kea manao hagegea.[3]Fa amizao iaby zao ty maso Yaveh, mandineke ty raty vaho
ty soa. [4]Ty lela mpamitake le manorotoro ty fagnahy.[5]Ty gege magnamavo ty fanagnan-draene, fa ze mandrae ty
fagnitia ro mare. [6]Ao antragno ty ndaty mare ro misy harea bey, fa fidiram-bola ty raty fagnahy magnomea fijalea
aze.[7]Ty sogny ty hendre mizara fahaia, fa tsy mba manahake zay kea ty arofo reo gege. [8]Malay ty soro reo ndaty
raty fagnahy Yaveh, fa teane kea ty vavake ty ndaty mahity.[9]Malay ty fomba reo raty fagnahy Yaveh, fa tea ty
raike ze magnorike ty mare re. [10]Miambe ty ndaty ze mahafoe ty lalane ty saze mafe naho ze malay fagnaliloa le
ho mate.[11]Ty fiaignan-tsy hisake vaho fandrava aza mivoha eo agnoloa Yaveh; ka vaho maike fa ty arofo ty
anagn'Ondaty? [12]Ty mpalay sosotre amity fagnanara aze; tsy hindeha agne amity hendre re.[13]Ty arofo falefale
mahasoa ty tarehe, fa ty aretem-po kea manorotoro ty fagnahy. [14]Ty arofo ty manan-tsay mipay fahaia, fa ty vava
reo gege homa hagegea avao.[15]Mampalahelo iaby reo andro ty ore iaby, fa ty arofo falefale le fanasa tsisy farane.
[16]Aleo kele amity tahotre Yaveh toe zay haream-bey amity salasala.[17]Aleo kea hane misy agna te misy fitea toe zay
agnombe mifehe aroso amin-keloke. [18]Ty ndaty mora meloke magnetreke aly, fa ty ndaty ze mahatam-po
mampijano ty lietse.[19]Ty lala ty kamo le manahake ty toera misy fefe fatike, fa ty lala ty mahity le lalam-bey
voavoatre soa. [20]Ty anake hendre le minday hafalea ho ahy ty raene, fa ty ndaty gege manao tsinotsino ty renene.
[21]Soasoa ty ndaty tsy ampe say ty hagegea, fa ze mana hazavan-tsay mindeha amity lala mahity. [22]Mandamoka reo
dineke laha fa tsy misy torohevetre, feie laha fa miarake amity mpanolon-tsay maro le nimete reo.[23]Mahisake
hafalea ty ndaty raike laha fa magnomea valene mare re; henteo ty hasoa ty rehake ze voatalily ara-potoa!
[24]Mindaisa miakatre ho ahy ty ndaty hendre ty lala ty fiaigna, mba hiala iereo amity fiaignan-tsy hisake agne
ambane.[25]Ho potehe Yaveh ty lova ty mpirehareha, fa miaro ty fanagna ty mpive-bata kea re. [26]Malay ty say reo
ndaty raty fagnahy Yaveh, fa reo reha ty hasoam-pagnahy le malio.[27]Minday hasahira ho ahy ty longo ty
mpangalatre, fa ty ndaty ze malay tsolotre le ho velo. [28]Ty arofo ty mare le midineke aloha ty hamaleane, fa ty
vava ty raty fagnahy kea mieboebo ty raty amine ao.[29]Lavitse reo raty fagnahy Yaveh, fa maharey ty vavake ty
ndaty mare kea re. [30]Ty hazava tymaso minday hafalea ho ahy ty arofo naho ty vaovao soa le fahasalama ho ahy
ty vata.[31]Laha magnenke riha laha fa magnity ty fomba fiaignanao ty ndaty, le hitoboke eo amireo ndaty hendre
riha. [32]Ze milietse fagnaliloa le manao tsinontsino ty vatane, fa ze midranjy anatre kea le mahazo fazavan-tsay.
[33]Mampianatre fahendrea ty tahotre Yaveh naho fahatsotra ro mialoha ty hasy.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 16

[1]Ahy ty ndaty ty fikasa ty arofo, fa bakamy Yaveh ty valen-drehake bakamity lelane. [2]Malio eo amasone avao ty
lala ty ndaty iaby, fa Yaveh ro mandanja ty fagnahy.[3]Ankino amy Yaveh ty asanao le ho lavorary ze kasaenao.
[4]Natao Yaveh ho amity antone iaby ty zaka iaby, na ty raty fagnahy aza le ho amity nadrom-pijalea.[5]Yaveh malay
ty ndaty iaby ze manana arofo miavo, azo antoke fa tsy ho afake avao rey. [6]Amity tsy fivaliham-pagnenkea ro
hagnavota amity heloke naho amity tahotre Yaveh ro hiala ty ndaty amity raty.[7]Laha fa isaora Yaveh ty lala ty
ndaty raike, na ty fahavalo ze ndaty zay aza le ataone milongo amine. [8]Aleo kele amity fahamaregna, toe zay vola
bey amity tsy rarene.[9]Ao ampone ro ahaia ty ndaty ty lalane, fa Yaveh ro manao ty liane. [10]Fanampahan-kevetre
lale ro eo amity sogny ty mpanjaka, ty vavane le tsy mba hamadike ty rarene.[11]Bakamy Yaveh ty fandanja mare;
ty lanja iaby ao amity kitapo le asane iaby. [12]Laha fa manao zaka raty ty mpanjaka, le tokone hom zaka hatao
tsinontsino zay, satria ty seza maharoandria le miore amity fanaova ty mare.[13]Fale amity sogny mirehake ty mare
ty mpanjaka naho teane ty ndaty ze mirehake mahity. [14]Ty helo ty mpanjaka le irake ty fate fa ty ndaty hendre
kea le hiezake handrano ty helone.[15]Ao amity fazava ty vata ty mpanjaka ty fiaigna naho ty fisaorane le mitovy
amity raho ze minday oran-dohatao. [16]Henteo ty hasoa ty fahazoa fahendrea mihoatre lavitre noho ty volamena.
Aleo mifily ty hahazo fahazan-tsay toe zay volafoty.[17]Ty lalambey ty ndaty mare le miala amity raty; ze miaro ty
fiay le miambe ty lalane. [18]Avy aloha ty faharava ty rehareha naho ty fagnahy mieboebo aloha ty filavoa.[19]Soa kea
ty tsotra avao eo amireo ndaty mahantra toe zay mizara ze nibaboe amity ndaty mpirehareha. [20]Iaby ze miambe
ze nagnanara iereo le hahisake sao, naho reo ze mitoky amy Yaveh8 le ho voatahy.[21]Ze hendre ampo ro atao ty
hoe manan-tsay naho ty hamamy ty rehake ro mahasoa ty fahaia mampianatre. [22]Ty fazavan-tsay le fotoram-pia
ho ahy ze mana zay, fa ty fagnanara ty gege le ty hagegeane.[23]Ty arofo ty ndaty hendre magnomea say ty vavane
naho magnampe ty amity sognine. [24]Tohon-tantele ty rehake soa__mamy amity fagnahy naho fagnafaha ho ahy ty
taola.[25]Misy lala zay te mare amity ndaty, fa ty fiafarane le lala mbaeo amity fate. [26]Ty homa ty mpiasa ro miasa ho
aze; ty hakerene ro manoseke aze.[27]Ty ndaty tsinontsino le mihaly sompatre naho ty rehane le manahake ty afo
magnoro. [28]Ty ndaty raty etam-bata magnetreke aly naho ty mpifosa manarake ty mpinama vatane.[29]Ty ndaty
mafe le mavande amity namane naho mamary aze amity lala ze tsy soa. [30]Ze mipie maso le mihevetre zaka raty;
reo ze mitifa-tsogny le mampandrio ty raty.[31]Ty volo foty le satro-boninahitre; azo amity fiagna ty lala mare zay.
[32]Soa ty tsy mora meloke noho ty mpialy naho ty ndaty mandily ty fagnahine le mahere noho ty ndaty ze
mambabo tana raike.[33]Ty folaka le atorake eo ampagnivoa, fa ty tampakevetre le bakamy Yaveh.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 17

[1]Soa kea ty miay arere miarake amity tapa-mofo toe zay ao amity tragno feno hane misy alialy. [2]Ty mpanompo
hendre le handily eo amity anane ze manao toera mahamegnatre naho hiraike lova manahake ty raike amireo
rahalahy.[3]Ty meme ho ahy ty volafoty naho ty laforo fandrendreha ho ahy ty volamena, fa Yaveh ro manefe ty
arofo. [4]Ty mpanao raty midranjy ty sogny ty raty fagnahy; manongilan-tsofy amity lela mpandrava ty mpavande.
[5]Na ia ia mganafake ty malahelo le mirehake raty ty mpahare aze naho ze mifale amity havoa le tsy afa-bela
amity fagnaliloa. [6]Satro-boninahitre ty antetre ty zafe naho minday hasy ho ahy reo anane ty rae aman-drene.[7]Ty
kabary soa lahatre le tsy mete amity gege; ka voho maike fa ty sogny mpavande ho mete ho ahy ty foko ty
mpanjaka. [8]Manahake ty vato mahagaga ty kolikoly ho ahy ty ndaty ze magnomea zay; na ia ia itolihane, le mete
re.[9]Ze manaro heloke le mipay fitea, fa ze magnere ty hadisoane taloha le manarake reo mpisakaiza. [10]Militre
laleke kea agne amity ndaty ze mana fazavan-tsay ty rehake mafe tane ty fofoke injato mbaeo amity gege.[11]Ty
ndaty raty mipay vande avao, ka le halefa handietse aze ty irake lozabey. [12]Aleo mifanoje amity bera robake
anake toe zay mifanoje amity gege amity hagegeane.[13]Laha misy ndaty mamale raty ty soa, le tsy hiala ty
tragnone zisikezay ty raty. [14]Ty antombohan'aly le manahake ze magnenga ty rano hizara-zara egne iaby, ka le
ialao ty fifandiera tane mboe tsy vaky zay.[15]Ty ndaty magnamare ty ndaty raty naho ty ndaty ze meloke ty ndaty
mare__le sambe zakaraty eo amy Yaveh reo. [16]Nagnino ty gege ro tokone handoa vola mba hianatre momba ty
fahendrea , nefa re tsy mana fahafaha kea hianatre zay?[17]Ty sakeza le tea amity andro iaby vaho rahalahy ho
amity andro ty fijalea. [18]Ty lahilahy tsy misy say manao zaka mamehe ka lasa tompon'antoke amity trosa ty
namane.[19]Na ia ia tea aly le tea heloke; ze manao ty tokonam-baravarane ho abo loatre le mamoteke ty taola. [20]Ty
ndaty ze manao arofo mirehareha le tsy nahisake na ino ino soa; mitonta amity loza ze mana lela mpamitake.[21]Na
ia ia rae aman-drene ty gege le minday alahelo ho ahy ty vatane; naho tsy mana hafalea ty rae ty gege. [22]Fagnafoly
soa ty arofo falefale, fa ty fagnahy kivy kea mahamaike ty taola.[23]Ty lahilahy raty fagnahy tea kolikoly mihaja
mba hiala reo lala ty rarene. [24]Ty ndaty ze mana fazavan-tsay le mampitolike ty tarehene mbaeo amity fahendrea,
fa ty maso ty gege kea mitolike agne amireo vazan-tane.[25]Ty anake gege le alahelo ho ahy ty raene naho haratia
ho ahy ty ampela ze niterake aze. [26]Naho kea, tsy soa vatane ty magnalilo ty ndaty mare; na mamafoke ndaty
mendre-kaja ze mana fahitia.[27]Ze manam-pahaia mampiasa rehake bory naho ze mana fazavan-tsay le mahatam-
po. [28]Na le gege aza ataone ho hendre laha te mitsy; laha fa magnily vava re, le ataone ho mahity.

## Chapter 18

[1]Ze mitoka-tegna le mipay ty fagniriane arere naho milietse amity fitsara soa iaby re. [2]Ty gege le tsy mahisake
hafalea amity fazavan-tsay, fa amity fitalilia zay ao am-pone avao.[3]Laha fa misy ndaty raty fagnahy avy, le avy
miarake amine ty zakaraty__miarake amity hegnatre vaho fahafaham-baraka. [4]Rano laleke ty rehake aboa ty
vava ty ndaty; naho rano miboiboike ty loharano ty fahendrea.[5]Tsy soa ty mizizo amity ndaty raty fagnahy, na
manda ty rarene amity ndaty mare. [6]Ty sogny ty gege le minday aly ho aze naho ty vavane mikaike fofoke.[7]Ty
vava ty gege ro haharave aze naho mamandrike ty vatane amity sognine re. [8]Ty reha ty mpisofa le manahake ty
tsilan-kane soa naho mizotroa agne agnate ty fiaigne reo.[9]Ze miraviravy amity asane avao kea le rahalahy ze
mamoteke vatane. [10]Tilikambo mahere ty agnara Yaveh; milay mbaeo ty mare ka voaaro.[11]Ty harea ty mpanan-
karea ro tana voaarone naho ty manahake ty manda abo ao agneretrerene. [12]Aloha ty faharavane le mirehareha
ty arofo ty ndaty, fa ty hatsotra ro avy aloha ty hasy.[13]Ze mamale aloha ty fidranjigna__le hagegea vaho hegnatse
ho aze zay. [14]Zaka ty fagnahy ty ndaty ty fararea, fa ia ro hahazaka ze fagnahy torotoro zay?[15]Ty arofo ty manan-
tsay le mandranto hilala naho ty sofy ty hendre mipay zay. [16]Ty fomey ty ndaty le mete hamoha lala vaho hinday
aze eo agnoloa ty ndaty maro.[17]Ze voalohane minday ty rarahane le hoe mare zisike ty hiavia ty mpifanao amine
ka hagnontane aze. [18]Ty fikola le mandamy lietre vaho manarake reo mpifanao mahere.[19]Ty rahalahy tafintohy le
sarotre azo noho ty tana mahere, naho ty lietre le manahake ty lily ty lapa. [20]Bakamity voka ty vavane ro hameno
ty tro ty ndaty raike; amity voka ty sognine ro mahafa-po aze.[21]Ty fate vaho arofo le feheze ty lela, naho reo ze tea
ty lela le hihina ty vokane. [22]Ze lahilahy mahisake valy le mahisake zaka soa naho mahazo saotre amy Yaveh.[23]Ty
ndaty mahantra le mangatake famindra-arofo, fa ty ndaty manan-karea kea mamale amin-tsiake. [24]Ze manao
mana nama maro le ho rava iereo, fa misy nama ze marine kea tane ty rahalahy.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 19

[1]Soa kea ty ndaty mahantra ze mindeha amity fahitiane toe zay ndaty mivalike amity rehane naho gege. [2]Naho
kea, tsy soa ty mana fagniria tsy misy fahaia naho ze milay mafe loatre le ho diso lala.[3]Ty hagegea ty ndaty ro
mamoteke ty fiaignane ka amy Yaveh ro kamo ty arofone. [4]Mahamaro nama ty harea, fa ty ndaty mahantra kea le
iala reo namane.[5]Ty vavolombelo sandoke le tsy ho afa-maike naho ze manao vande le tsy afa-bela. [6]Maro ro
hipay soatre amity ndaty malala-tagna naho iaby le nama ze manolotre fagnomea.[7]Heje ty rahalahine iaby ty
ndaty mahantra; vaho maike fa reo namane ze lavitre aze! Hikaike iereo re, nefa fa lasa iereo. [8]Ze mahazo
fahendrea le tea ty arofone; ze mita ty fahaia le hahisake soa.[9]Ty vavolombelo sandoke le tsy ho afa-maike, fa ze
manao vande kea le ho mate. [10]Tsy mete amity gege ty miay amity harea mahafale__maike fa ty handilia ty ndevo
amireo roandria.[11]Ty hamarea mahavy ty ndaty tsy halaky meloke naho hasy ho aze ty tsy manente ty hadisoa.
[12]Ty helo ty mpanjaka le manahake ty fitsero ty liona tanora, fa ty teane kea le manahake ty mika amity akata.[13]Ty
anake gege le harava ho ahy ty raene naho ty valy mifandietse le hoe ty rano mitete tsy tampake. [14]Ty tragno vaho
harea ro lova bakamity ray aman-drene, fa valy hendre kea ro bakamy Yaveh.[15]Ty hakamoa le manao ty ndaty
agnate roro laleke, fa ze tsy vognon-kiasa le ho kere. [16]Ze magnenke ty lily le miaro ty fiaine, fa ty ndaty ze tsy
midineke ty lalane kea le ho mate.[17]Reo iaby ze miferenay ty mahantra le mampisambotre Yaveh naho honerane
re noho reo ze nataone. [18]Feheo ty ananao lahy tane mboe misy fagnatena naho ko entem-pagniria hamono aze.
[19]Ty ndaty sarotene le tsy maintsy mandoa ty saze; laha mamonje aze riha, le tsy maintsy hagnere zay
fagnindroene riha. [20]Dranjigno ty torohevetre naho enkeno ty fagnanara, mba ho lasa hendre riha agne amity
fiafara ty fiaignanao[21]Maro ty fikasa ao am-po ty ndaty, fa ty dine Yaveh ro haharetre. [22]Ty tsy fivaliha ro irie ty
ndaty naho soa kea ty ndaty mahantra tane ty mpavande.[23]Ty fagnomean-kasy Yaveh ro mitarike ty ndaty amity
fiaigna; iaby ze mana zay le ho afapo naho tsy ampijale ty raty. [24]Ty kamo le handeve ty tagnane ao am-pinga; tsy
hagnere hagnakatre zay ao ambavane kea re.[25]Fofoho ty mpagnaraty, le hiambe ty ndaty babo; anaro ze manan-
tsay, le hahazo fahaia re.[26]Ze mandrava ty raene naho mandroake ty renene le anake minday hegnatre vaho
fahafaham-baraka. [27]Laha mijano ty midranjy fagnanara riha, ry zanako lahy, le hivio hiala amireo reha ty fahaia
riha.[28]Ty vavolombelo mpivalike le magnaraty ty fitsara naho ty vava ty raty fagnahy mitele heloke. [29]Vogno ho
ahy reo mpagnaraty ty heloke vaho ty fofoke ho amity lambosy ty gege.

Chapter 20

1Ty divay le mapagnaraty naho ty zaka-finome mahere le mpitabataba; ze miotake lala amity finoma amity lalan-
diso le tsy hendre. 2Ty tahotre ty mpanjaka le manahake ty tahotre ty liona tanora ze mitsero; ze mahameloke aze
le mamparare ty arofone.3Hasy ho ahy ty ndaty iaby ty miala fifandiera, fa ty gege iaby le misampe amity ali-
hevetre. 4Ty ndaty kamo le tsy miasa tane amity lohatao; mipay vokatre re amity fararano fa tsy hahazo na ino
ino.5Ty dineke ao ampo ty ndaty le manahake ty rano laleke, fa ty ndaty ze manam-pahaia kea hagnakatre aze.
6Maro ty ndaty manao fa tsy mpivalike, feie ia ro afake hahisake ndaty matoky?7Ty ndaty mare le mindeha amity
fahitia, naho reo anane ze mandimbe aze afara le ho tahie. 8Ty mpanjaka ze mitoboke eo amity sezan-droandria
mandefe reo adidy ty mpitsara le mifily reo raty iaby ze eo alohane amity masone.9Ia ro afake manao ty hoe:" Le
fa nita ty foko halio raho; afake amity hadisoako raho"? 10Ty mizana tsy mitovy lanja vaho ty fandrefea tsy
mitovy__le sambe heje Yaveh.11Na ty tanora aza le hay amity ataone, laha malio vaho mahity ty toerane. 12Ty sofy
ze maharey naho ty maso ze mahisake__le sambe natao Yaveh iaby reo.13Ko tea roro fa tsy ne ho avy amity
fahantra riha; sokafo ty masonao le hanan-kohane bey riha. 14"Raty!Raty! hoe ty mpivily, fa laha fa lasa re le
mirehareha.15Misy ty volamena vaho vato lafo vily maro bey, fa ty sogny ty fahaia le ravake lafovily. 16Afaho ty
akanjo ze nagnisy fiaro ho ahy reo vahiny, naho tano ho antoke zay laha magnisy fiaro ho ahy ty ampela raty
toera re.17Mamy ty tsiro ty mofo azo amity fitake, feie laha fa afake zay le ho feno vatokele ty vavane. 18Reo
hevetre le vitalamy ty torohevetre naho amity tari-dala hendre avao ro tokone hindaisanao ty aly.19Ty fisofa
magnakatre tsiko naho laha zao le tsy tokone hiarake amireo ndaty ze mirehake avao riha. 20Laha misy ndaty
magnozo ty raene vaho ty renene, le ho mate eo agnivo ty ieke ty Jirone.21Ty lova azo mora avao agne
amboalohane le tsy hahasoa agne afara. 22Ko manao ty hoe:" Hamale anao noho igne raty igne raho!" Mandignasa
Yaveh le hamonje anao re.23Heje Yaveh reo vato fandanja tsy mitovy naho ty vato-fandanja tsy mare le tsy soa.
24Ty lia ty ndaty le tarihe Yaveh; ka nagnino ro halalane ty lalane?25Fandrike ho ahy ty ndaty ty mirehake
ampimeha ty hoe:" Masy ty zaka toy," naho laha fa bake nanao ty vavane vaho manomboke midineke ze dikane.
26Ty mpanjaka hendre le mifily ty raty fagnahy naho mamalike ty laro ty fikororoha eo amiereo.27Ty fagnahy ty
ndaty ro jiro Yaveh, mipay reo sisa agnatene vatane. 28Tsy fivaliham-pagnenkea vaho hasoam-patokia ro miaro ty
mpanjaka; ty sezan-droandriane le voaaro ty fitea.29Ty hasy reo ajalahy le ty herene naho ty famirapira ty ndaty
antetre le ty volafotine. 30Reo fagnisia ze mahavoa magnafake ty raty naho ty fofoke le mahavy ty agne agnate
laleke halio.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 21

[1]Ty arofo ty mpanjaka le rano mily eo antagna Yaveh; aviline egne amize iteavane aze zay. [2]Ty lalagn'ondaty iaby
le maintsy eo amasone avao, fa Yaveh ro mandanja ty arofo.[3]Ze manao ty mare vaho mahity le tea Yaveh kea
mandako ty soro. [4]Ty avognavo ty maso vaho ty rehareha ty arofo__ty jiro ty raty fagnahy__le hadisoa.[5]Reo fikasa
ty mazoto le mitarike mbaeo amity hasoa avao, fa ty ndaty iaby ze memeke loatre le avy amity fahantra avao. [6]Ty
fiharea harea amity lela mavande le setroke mandrio naho fandrike mamono.[7]Ty herareha ty raty fagnahy le
haninto iereo, satria milietse ty hanao ze rarene iereo. [8]Miotakotake ty lala ty ndaty meloke, fa ty ndaty ze malio
le manao ze mare.[9]Aleo kea mitoboke eo amity zoro ty tafo toe zay miarake tragno amity valy mipay aly. [10]Ty
hakere ty raty fagnahy le magniry mafe ty raty; tsy mahisake hasoa eo amity masone reo namane re.[11]Laha fa
lilove ty mpagnaraty, le ho hendre ty kele say, naho laha fa anare ty ndaty hendre, le hita fahaia re. [12]Mandineke
ty tragno ty ndaty raty fagnahy ty ndaty mare; minday ty ndaty raty fagnahy ho amity loza re.[13]Ty ndaty ze
manampe ty sofine amity taray ty mahantra, le mboe hitaray avao kea, feie tsy hisy hamale aze. [14]Ty fagnomea
ambalike mampijano ty heloke naho ty fagnomea mihaja le mandefe ty heloke mafe.[15]Laha fa vita ty fitsara, le
minday hafalea ho ahy ty ndaty mare zay, feie minday horohoro ho ahy reo mpanao raty zay. [16]Ze mirerere miala
amity lala ty fazavan-tsay, le hijano ao amity fivoria ty mate.[17]Ze te hafalea le hahantra; ze tea divay vaho diloilo
le tsy hanan-karea. [18]Ty ndaty raty fagnahy le solovaike ho ahy ty ndaty mare, naho ty ndaty mpamitake le vilim-
pagnavota ho ahy ty ndaty mahity.[19]Aleo mitoboke agne antane efetre toe zay miarake amity valy mpialy vaho
maloke. [20]Harea lafovily vaho diloilo ro ao antragno ty hendre, fa ty ndaty geg kea mandany reo.[21]Ze manao ty
mare vaho soa fagnahy__ze ndaty zay le hahisake ty fiaigna, hamarea, naho hasy. [22]Ty ndaty hendre magnanike ty
tana reo mahere, naho mandrava ty fiaro mafe ze nitokia iereo.[23]Na ia ia miambe ty vavane vaho ty lelane le
miaro ty vatane amity fijalea. [24]Ty ndaty miavognavo vaho mirehareha__"Mpagnaraty" ro agnarane__le manao
fihetseke lako fiavogna.[25]Ty fagniria ty kamo le mamono aze, satria milietse ty hiasa ty tagnane, [26]Magniry mafe
zisike ty nadro iaby re, fa ty ndaty mare le magnomea vaho tsy kahihitre.[27]Raty ty soro bakamity raty fagnahy;
raty kea aza zay laha fa minday zay amity anto ty raty re. [28]Ho mate ty vavolombelo sandoke, fa ty ndaty ze
midranjy le hirehake amity andro iaby.[29]Ty ndaty raty fagnahy le magnamafe ty toerane, fa ty ndaty mahity le
matoky amity lalane.[30]Tsy misy fahendrea, tsy misy fahaia, naho tsy misy torohevetre afake mijoro handietse
Yaveh. [31]Ty soavale nomane ho amity andro ty aly, feie ahy Yaveh ty faharesea.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 22

[1]Aleo mifily ty laza soa toe zay bey harea naho soa noho ty volafoty vaho volamena ty saotre. [2]Ty mpagnarivo
vaho ty mahantra le sambe mana zay__Yaveh ro mpihare aze iaby.[3]Ty ndaty miambe mahisake ty loza ka mihaja,
fa ty babo kea magnato naho mijale tane zay. [4]Ty soavale ty hatsotra vaho tahotre Yaveh le harea, hasy, naho
havelo.[5]Ty fatike vaho ty fandrike ro eo amity lala ty marehareha; fa ze miaro ty aine le hihalavitre iereo.
[6]Ampianaro amity kolo ty lala tokone hombane naho laha fa bey re le tsy hiala amizay fagnanara zay.[7]Mandily eo
amity ore ty mpagnarivo naho ze mindra le ho andevo ze nampindra. [8]Ze manao ty tsy rarene le hihaza fijalea
naho halazo ty tsilan-ketae ty helone.[9]Ze mana maso miferegnay le hotahie, satria mizara ty mofone amity
mahantra re. [10]Roaho ty mpagnaraty le ho lasa ty fifandiera; hijano ty aly vaho ty tevateva.[11]Ze tea fo malio vaho
ze mitalily hasoava, le hana ty mpanjaka ho namane. [12]Ty maso Yaveh le miambe zisikagne ty fahaia, fa ty reha ty
mpivalike le ravaene.[13]Ty ndaty malay manao ty hoe:" Misy liona agne andala! Ho mate egne andalambey raho."
[14]Ty vava ty ampela janga le lavake laleke; mihetreke amiaby ze poke ao ty helogn'Yaveh.[15]Mipiteke amity arofo ty
kolo ty hagegea, feie ty tsilaketae fagnaliloa hagnafake zay. [16]Ze mampijale ty ndaty mahantra le manombo ty
hareane, naho ho avy amity fahantra ze magnomea ty mpagnarivo.[17]Atongilagno ty sofinao naho midranjigna reo
reha ty hendre ka ampagnenkeo ty fahaiako ty fonao, [18]satria hahafale anao reo laha embenanao aminao ao, laha
vogno eo amity sogninao iereo iaby. [19]Ho ao amy Yaveh noho zay ty fatokianao, magnanatre anao zay raho
amizao__riha le riha.[20]Feie vao raho tsy le fa nanoratre ohabola ty fagnanara vaho fahaia telopolo ho anao, [21]mba
hagnanara anao ty mare amireo rehake matoky reo, mba hagnomea nao valen-drehake matoky amireo ze
nagnirake anao?[22]Ko mandrava ty malahelo satria mahantra re, na magnosehose ty ore eo ambavahady, [23]fa
Yaveh ro hisolo vava iereo, naho Re handrava ty arofo reo ze nandrava iereo.[24]Ko misakeza amity ndaty ze feheze
ty heloke naho ko miarake amize romotre, [25]tsy ne riha hianatre ty fataone naho hahazo fandrike ho ahy ty
fagnahinao.[26]Ko mete ho agnate ze manao ty tagnane amity fiantofa, na mianto-tsosa. [27]Laha tsy mana haloa riha,
ino moa ro hahasaka ty ndaty tsy hangalake ty fandrea andreanao?[28]Ko magnitatre ty fefe vato faela ze le fa
natao ty razanareo. [29]Mahisake ndaty malaky amity asane vao riha? Hitsanga eo agnoloa reo mpanjaka re; tsy
hitsanga eo agnoloa ty ndaty mahazatre re.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 23

[1]Laha fa mitoboke hihina miarake amity mpandily riha, le dineho soa ze eo agnoloa nao, [2]naho ambane ao ty
vozonao laha ndaty te mihinan-kina avao riha. [3]ko magniry loatre ty hanem-pine, fa hane ty vande zay.[4]Ko miasa
mafe loatre hahazoa harea; mihendrea soa hahaianao ty andro fitofa. [5]Hagnenga ty masonao hirehetre amizay
vao riha? Ho dify zay, fa ho hare-elatre manahake ty voromahere vatane zay ka hitily egne amity lagnitse.[6]Ko
mihina ty hane ty ndaty manao maso raty__naho ko magniry ty hanem-pine, [7]fa ndaty magnisake ty vilin-kane
re." Mihinana naho minoma!" hoe re aminao, kanefa tsy aminao ty arofone. [8]Haloanao ze kele nihanenao naho
ho robake ty rehake lokanao.[9]ko mirehake eo antsofy ty gege, satria hagnaraty ty fahendrea ty rehanao re. [10]ko
magnitatre ty fefe vato faela na magnanike ty baibo ty bode, [11]fa mahere ty mpagnavotre iereo rey naho re ro
hisolo vava iereo handietse anao.[12]Ampagnenkeo fagnanara ty arofonao naho rehake fahaia ty sofinao.[13]ko
mitsitsy ty fagnanara tsy ho amity kolo, satria laha magnalilo aze riha, le tsy ho mate re. [14]Riha ro tsy maintsy
hanjera aze amity tsilaketae ka hamonje ty fagnahine amity fiaigna tsy hisake.[15]Ry anako, laha hendre ty
arofonao, le ho fale avao kea ty arofoko; [16]hifale ty agne agnateko laha fa mirehake ze mare ty sogninao.[17]Ko enga
hialo reo mpanota ty arofonao, fa mitoera amity tahotre Yaveh zisikagne. [18]Misy vatane ty ho avy naho tsy ho
rava ty fagnatenanao.[19]Midranjigna__riha__ry anako, naho haharey ka anovo amity lala mahity ty arofonao. [20]Ko
minama amity mamolava, na amity te fihinan-kena, [21]fa ty mamolava vaho ty tea hane naho reo be roro le
hahantra naho ty harereha ro hanafotre aze amity voro-damba.[22]Dranjigno ty raenao niterake anao naho ko
manao tsinontsino ty renenao laha fa antetre re. [23]Vilio ty mare, fa ko mamarotre zay; mivilia fahendrea,
fagnanara, naho fazavan-tsay.[24]Hifalefale vatane ty rae ty ndaty mare, naho ze miterake kolo hendre le ho fale
amine. [25]Ao ty raenao vaho ty renenao ho fale naho ao hifale ze niterake anao.[26]Ry anako, ameo ahy ty arofonao
naho ao ty masonao hiambe ty lalako. [27]Fa ty ampela janga le lavake laleke, naho fantsaka tere ty ampela raty
toera. [28]Miambe manahake ty mpandrava re naho manombo ty isa reo mpivalike eo amity anagn'Ondaty.[29]Ia ro
misy ozo? Ia ro mana alahelo? Ia ro mana aly? Ia ro mana taray? Ia ro mana fere tsy ahoan-tsy ahoa? Ia ro mana
maso mivali-mena? [30]Reo ze mipiteke amity divay, reo ze magnandra ty divay miharo.[31]Ko manente ty divay laha
mena zay, laha fa maleme ao amity kapoake zay ka mirarake kimora. [32]Amity farane zay le magneketre hoe ty
mere naho mitroboke manahake ty menara. [33]Hahisake zaka hafahafa ty masonao naho ty arofonao hanao zaka-
raty.[34]Hanahake ty ndaty ze miroro eo amity riake magnoja riha na miroro eo andoha ty sambo. [35]"Nagnisy ahy
reigne," hoe riha," fa tsy voa raho. Nagnisy ahy reigne, fa tsy haiko zay. Mbia raho ro hifoha? Hipay ho nome hafa
ndraike raho."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 24

[1]Ko mialo reo ze raty, na magniry ty hiraike amiereo, [2]satria miheve-draty hanao rehareha ty arofo iereo naho
mirehake fijalea ty sogny iereo.[3]Amity fahandrea ro agnoregna tragno naho amity fazavan-tsay ro agnoregna aze.
[4]Amity fahaia ro hamenoa harea lafovily vaho mahafale iaby reo efetragno.[5]Mahere ty mpialy ty fahendrea, naho
ty ndaty ty fahaia le manombo ty herene; [6]fa amity torolala hendre ro hialianao ty alinao naho amireo mponolo-
tsay maro ro misy faharesea.[7]Abo loatre ho ahy ty gege ty fahendrea; tsy manoka-bava eo ambavahady re.[8]Misy
ndaty mihevetre hanao raty__ atao ty ndaty ty hoe tompo ty hevetre re. [9]Ty hevetre ty gege le hadisoa naho ty
ndaty le manao tsinontsino ty mpagnaraty.[10]Laha avy lasa maleme ty tahotre amity andro fijalea riha, le kele ty
herenao.[11]Avoto reo ze nalae ho vonoe naho arovo reo ze mivembe eo amity famonoa. [12]Laha mirehake riha ty
hoe:" Ingo, tsy nahay na ino ino momba zay zahay", feie vao ty raike ze mandanja ty arofo tsy hahay ze
rehafenao? Ty raike ze miambe ty fiainao, feie vao re tsy mahay zay? Feie vao Zagnahare tsy magnomea ty kirai-
kiraike aby ze mete amine?[13]Ry zanako, mihinana tantele satria soa zay, satria mamy ty tantele mitete amity
tohon-tantele laha andrama. [14]Manahake zay ty fahendrea ho ahy ty fagnahinao__laha hisanao zay, le hisy hoavy
naho tsy ho rava ty fagnantena nao.[15]Ko mikotroke manahake ty ndaty raty fagnahy ze manafike ty tragno ty
ndaty mare. Ko mandrava ty tragnone! [16]Fa lavo impito ty ndaty mare fa miare avao, fa lavo amity loza ty ndaty
raty fagnahy.[17]Ko mifale laha lavo ty fahavalonao naho ao tsy ho falefale ty arofonao laha tafintohy re, [18]laha tsy
zay le ho hisa Yaveh naho tsy ho teane ka hafahane amine ty helone.[19]Ko matahotre noho reo mpanao raty, naho
ko mialo ty raty fagnahy, [20]fa tsy mba mana tamae ty ndaty raty naho ty jiro ty raty fagnahy le ho mate.[21]Matahora
Yaveh, naho matahora ty mpanjaka, ry zanako; ko miharo amireo ze mavande amiereo, [22]fa hoavy tampoke ty
loza ho ahy iereo ka ia ro mahay ty hoe zisikaia ty harava ze hoavy amiereo roe?[23]Toa avao kea reo reha ty
hendre. Tsy soa fizizoa amity fitsaran-draraha amity lily.[24]Na ia ia mirehake amity raty fagnahy ty hoe:" Ndaty
mare riha", le ho ozo reo vahoake naho ho heje reo firene. [25]Nefa reo ze magnalilo ty raty fagnahy le hahazo
saotre naho hoavy amiereo ty fagnomezan-tsoa.[26]Ty ndaty ze mamale amimpifalea le magnoroke eo amity sogny.
[27]Vognono ty asanao agne ambalike, naho anovo vogno ho anao agne ambaibo ty zaka iaby; afarazay, le amboaro
ty tragnonao.[28]Ko mijoro vavolombelo handietse ty mpiray mone aminao amity tsisy antone naho ko mamitake
amity sogninao. [29]Ko manao ty hoe:" Hataoko amine ze la fa nataone tamiko; havaleko amine arake ze le fa
nataone."[30]Nandrio tegne ambaibo ty ndaty kamo raho, nandrio tamity tanem-boaloboke ty ndaty tsy misy
hihitse. [31]Nagniry tegne iaby tegne ty fatike; feno ty amiana ty tane, naho reo vato ty manda le rava.[32]Le nahisake
raho ka nidineke zay; nanente raho ka nahazo anatre. [33]Hangalake roro kele, harendreha kele, toho-tagna kele
mba hitofa__[34]le hoavy handia anao ty fahantra, naho reo painao le hanahake ty miaramila mirongo fialia.

Chapter 25

[1]Toa le mboe ohabola i Solomona avao, ze nadika ty lahilahy Hezekia, mpanjaka i Joda. [2]Hasin'Agnahare ty
magnaja raha, fa ty mipay zay ro hasy ty mpanjaka. [3]Manahake ty maha-ty abo ty lagnitse vaho ty maha-ty laleke
ty tane, ro maha-tsy takatre ty say ty arofo reo mpanjaka.[4]Afaho amity volafoty ty taim-bolafoty ka afake
hampiasa ty volafoty amity asa tagnane ty mpanao asa amity vy. [5]Le hoe zay kea, afaho eo amity fiatrefa ty
mpanjaka ty ndaty raty fagnahy le hatoboke amity fanova ze mare ty sezan-droandriane.[6]Ko magnomea hasy ty
vatanao eo amity fiatreha ty mpanjaka naho ko mitsanga amity toera voatendre ho ahy ty ndaty ambone.[7]Soa kea
laha mirehake aminao re ty hoe:" Miakara etoy," noho ty hagnafahane baraka anao eo agnoloa ty ndaty manan-
kaja raike. [8]Ko ente malaky agne amity fitsara, ze nihisa ty masonao. Satria ino ro ataonao laha fa manao ze
hahamegnatre anao ty mpiray mone aminao amity farane?[9]Ialio hevetre eo aminao vaho ty mpiray mone aminao
avao ty rarahanao naho ko magnakatre ty tsiko ty hafa, [10]laha tsy zay le hinday fimegnara aminao vaho talily raty
momba anao ty nanoro anao ka tsy ho mete ampintsigne.[11]Ty poma volamena eo amity fitoera volafoty le rehake
nirehafe tamity andro mete. [12]Ty peratre volamena na ravake natao tamity volamena soa vatane le anatre hendre
ho ahy ty sofy midranjy.[13]Ty irake matoky le manahake ty fanintsy ty havandra amity androm-pihaza ho ahy reo
ze magnirake aze; magnere ty arofo reo tompone re. [14]Raho vaho ty tioke tsy misy ora ze mirehareha amity
fagnomea ze tsy nomeane.[15]Amim-piareta ro ahafaha mandrese lahatre ty mpandily naho ty lela maleme le mete
handily taola.[16]Laha mahisake tantele riha, le ze ampe avao ro hane__laha tsy zay, le hampadoa anao, ty fihinana
maro loatre zay. [17]Ko ampilire mateteke loatre ao antragno ty namanao ty tombonao, mete ho entsake anao re ka
halay anao.[18]Ty ndaty ze mitsanga vavolombelo tsy mare momba ty namane le manahake ty langilangy, na meso,
na folese masio ampiasae amity aly. [19]Ty ndaty tsy matoky ze atokisanao amity andro ty fijalea le manahake ty
nife raty na tomboke mibolisatre.[20]Manahake ty ndaty raike ze magnafake ty akanjone amity andro manintsy, na
hoe ty vinangitre nagnorike teo ambone ty sirahetae ze miantsa antsa ho ahy ty arofo mavesatre.[21]Laha kere ty
fahavalonao, le ameo sakafo hohanene re, naho laha marandrano re le ameo rano ho nomene, [22]fa hagnaro
vaen'afo eo amity lohane riha naho hamale soa anao Yaveh.[23]Manahake ty hindaisa ty tioke avaratre ora vatane,
le hivalike ty toera ho meloke ty lela ze mirehake tsiko. [24]Soa kea ty mitoboke eo amity zoro ty tafon-tragno noho
ty eo amity tragno ze hiharoa amity valy mpialy lava.[25]Manahake ty rano manintsy ho ahy ze marandrano, ty
vaovao mahafale bakagne amity firene lavitse. [26]Manahake ty loharano voahosehose vaho fantsaka ravae ty
ndaty mare mikoe eo agnoloa ty ndaty raty fagnahy.[27]Tsy soa ty mihina tantele bey loatre; manahake ty hoe
mipay hasy miampe hasy zay. [28]Ty ndaty tsy mana fahendrea le manahake ty tana rava vaho tsy misy manda.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 26

[1]Manahake ty havandra amity lohatao na ranon'ora amity taom-pihaza, ro tsy maha-mendre-kaja ty gege.
[2]Manahake ty foly mitilintily vaho ty tilintily mitele laha fa mitily iereo, ro tsy hizotroa ty ozo tsy mare.[3]Ty
karavasy le ho ahy ty soavale, ty lamboridy le ho ahy ty apmpondra naho ty tsilaketae le ho ahy ty lambosy ty
gege. [4]Ko mamale ty gege arake ty hagegeane, laha tsy zay le ho lasa hanahake aze riha.[5]Valeo ty gege naho
miarahe amity hagegeane, le tsy ho hendre eo amasone avao re. [6]Na ia ia mandefa talily amity tana ty gege le
manampake ty tombone avao vaho mino rehareha.[7]Manahake ty tombo ty marare ty paralysisa ze mihanto ty
ohabola ao ambava ty gege. [8]Manahake ty mamehe vato amity pilatse ty magnomea hasy ty gege.[9]Manahake ty
fatike ze milenteke ao antagna ty mamo lava ty ohabola ao ambava reo gege. [10]Manahake ty mpandefa tsipika ze
mandratre ty iaby magnodidy aze ty ndaty ze magnarama gege na magnarama ze mba mandrio.[11]Manahake ty
amboa mihere amity loane, le hoe zay kea ty gege ze magnere ty hagegeane. [12]Mahisake ndaty hendre eo
amasone avao vao riha? Ty gege misy antenay kea noho ty amine.[13]Ty ndaty kamo manao ty hoe:" Misy liona egne
andala! Misy liona egne andalambey!" [14]Manahake ty varavara mihody amity saviline, le hoe zay kea ty ndaty
kamo eo ampandreane.[15]Ty ndaty kamo le mametrake ty tagnane ao ampingane nefa tsy mana here hangala zay
ho ao ambavane re. [16]Ty ndaty kamo le hendre eo amasone avao noho ty ndaty fito miarake amity fahaia
manarake.[17]Manahake ty mita ty sofy ty amboa ty mpandrio ze meloke amity fifamalea tsy aze.[18]Manahake ty
ndaty gege ze manorake folese mirehetre, [19]ty ndaty ze mamitake ty mpiray mone amine naho manao ty hoe:" Tsy
nisomonga vao raho?"[20]Noho ty tsy fisia ty hetae, le mate ty afo; naho agne amize tsy misy mpifosa le mijano ty
fifandiera. [21]Manahake ty are mandrehetre ty vaen'afo vaho ty hetae amity afo, le hoe zay kea ty ndaty tea aly
mandrehetre fifandiera.[22]Ty reha ty mpifosa le manahake ty hane soa; mizotro ao agnate ty faritre ty vata reo.
[23]Manahake ty fahosotre taim-bolafoty manaro ty velagne tane ty sogny mirehetre vaho ty arofo raty.[24]Ze malay ty
hafa le manako ty fihetse ty fone amity sognine naho misy fitake ao agnatene avao. [25]Hirehake amim-pahasoava
re, feie ko mino aze, satria misy zakaraty fito ao ampone. [26]Na le voatako fitake aza ty falaine, le haboele eo amity
fiangona ty haratiane.[27]Iaby ze mihaly lavake ro hitonta ao amizay naho ty vato le hikoria eo amize nanoseke zay.
[28]Ty lela mavande le malay ty ndaty ze torotoroe zay naho ty sogny mitsiriry minday harava.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 27

[1]Ko mirehareha amity hamaray, fa tsy hainao ze mete hatao ty androany. [2]Ao ho ndaty hafa ro hitsiriry anao fa
tsy ty vavanao avao; ty vahiny fa tsy ty sogninao avao.[3]Dineho ty favesa ty vato vaho ty lanja ty faseke__ty
fihantsy ty gege le mavesatre kea noho reo roe reo. [4]Misy ty habibia ty heloke vaho ty fandriake ty heloke, fa ia ro
afake hijoro eo agnoloa ty hasarotam-piaro?[5]Aleo anatre amaso toe zay fetea ahaja. [6]Matoky ty fere atao ty nama,
fa ty fahavalo le mete hagnoroke mitafotafo anao.[7]Ty ndaty ze nihina zisike ty hivokia le milietse na le ty tohon-
tantele aza, fa ho ahy ty ndaty kere kea, le mamy ty zaka-mafaitse iaby. [8]Manahake ty voro ze mirerere miala
amity akanene ty ndaty ze maniasia miala amity tanane.[9]Ty ranomagnitse vaho emboke magnitse le mahafale ty
arofo, fa ty hamamy ty nama le avy bakamity torohevene amin-kitsim-po. [10]Ko mahafoe ty namanao vaho ty rae
ty namanao, naho ko mbaeo amity tragno ty rahalahinao amity andro mahavoa anao. Soa kea ty nama vatane
tane ty rahalahy ze lavitre.[11]Haharey, ry zanako, le ampifaleo ty foko; le hamale ze magnafake ahy raho. [12]Ty
lahilahy miambe le mahisake ty loza ka mihaja, fa ty ndaty gege le mindeha avao ka mijale naho zay.[13]Alao ty
akanjo ze magnomea antoke amity vahiny, naho tano ho antoke zay laha fa magnomea antoke amity ampela raty
toera re. [14]Na ia ia magnomea tso-drano ty namane amity feo abo vaho maray, le raese hanahake ty ozo zay tso-
drano zay![15]Ty valy mpifandietre le manahake ty ora-mijia amity andro fahavaratre; [16]ty mita aze le manahake ty
mita tioke, na miezake mamihy diloilo amity tagnanao ankavana.[17]Ty vy manio vy; manahake zay, ty lahilahy
manio ty namane. [18]Ze mikarakara ty hetaen'aviavy le hihina ty voane, naho ze miaro ty tompone le homean-
kasy.[19]Manahake ty tara ty rano amity toera ty ndaty, ty tara ty arofo ty ndaty amity ndaty. [20]Manahake ty
fiaignan-tsy hisake vaho ty fandrava tsy afapo zisikezay, le hoe zay ty maso ty ndaty tsy ho afapo zisikezay.[21]Ty
memy ho ahy ty volafoty naho ty toko fandrendreha ho ahy ty volamena; le amity fiantsa aze ro hitsapa ty
hasahira. [22]Na le lisane amity anadeo aza ty gege__miarake amity vare__le mboe tsy hiala amine avao ty
hagegeane.[23]Anovo azo antoke fa hainao ty toera ty agnondrinao naho dineho ty momba reo biby harenao, [24]fa ty
harea le tsy zisikezay. Maharetre ho ahy ty foko iaby vao ty satro-bonenahetre? [25]Laha fa miala ty akata naho
mitiry ty solofone, le avory bakegne amity tazoa ty akata ho ahy ty agnondry aman'ose.[26]Reo anak'agnondry reo
ro hagnomea ty sikinao naho reo ose ro hagnomea ty vily ty baibo. [27]Hisy rononon'ose ho ahy ty
sakafonao__sakafo ho ahy ty tokantragnonao__naho sakafo ho ahy ty mpanomponao vave.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 28

1 Milay ty raty fagnahy laha tsy misy ndaty magnia aze kea, fa ty ndaty mare le mahasaky manahake ty liona
tanora. 2 Noho ty fandikan-dily ty tane, le mana mpandily maro re, fa laha miarake amity ndaty mana fazavan-
tsay vaho fahaia, le ho ela zay. 3 Ty ndaty mahantra ze mampijale ndaty mahantra hafa le hoe ty ora mivatravatra
ze tsy magnenga hane. 4 Reo ze mahafoe ty lily le midera ndaty raty fagnahy, fa reo ze miambe ty lily le hialy
amiereo. 5 Ty ndaty raty le tsy mahatakatre ty rarene, fa reo ze mipay Yaveh ro mahatakatre ty zaka-iaby. 6 Soa kea
ho ahy ty ndaty mahantra ty mindeha amity fahitia, noho ty ho ahy ty ndaty mpagnarivo ze meloke amity lalane.
7 Ze miambe ty lily ro anake mana fazavan-tsay, fa nama ty teahane mahamegnatre ty raene. 8 Ze mihare ty
hareane amity ana-bola bey loatre le mamory ty hareane ho ahy ty hafa ze hanam-piferenaigna amity ndaty
mahantra. 9 Laha misy ndaty mamio ty sofine hidranjy ty lily, na ty fivavahane aza le raty. 10 Na ia ia mamio lala ty
mahity amity lalan-draty le hipoke ao amity lavane avao, fa ty tsy misy tsigne ro hana lova soa. 11 Ty ndaty
mpagnarivo le mete ho hendre eo amasone avao, fa ty ndaty mahantra ze mana fazavan-tsay ro hahisake aze.
12 Laha fa misy faharesea ho ahy ty ndaty mare, le misy hasy foloay, fa laha fa mitsanga ty raty fagnahy, le mietake
ty ndaty. 13 Ze magnaja ty hadisoane tsy ho ambine, fa ze mieke vaho mahafoe reo ro hanoroa famindram-po. 14 Ho
tahie ze mivelo amity fagnaja zisikagne, fa iaby ze magnamafe ty arofone le ho azom-pijalea. 15 Manahake ty liona
mitrero na bera mipay ty mpandily raty fagnahy eo amity ndaty mahantra. 16 Ty mpandily tsy ampe fazavan-tsay
le mpampijale lozabey, fa ze malay ty tsy fahamarea ro hanombo ty androne. 17 Laha meloke ty ndaty raike satria
nampipoke lio o ndaty, le ho mpiala zisike ty hifatezane re naho tsy hisy ndaty hamonje aze. 18 Na ia ia mindeha
amity fahitia le harova, fa ty raike zay mindeha amity lala-meloke ro ho lavo tampoke. 19 Ze miasa ty tanene le
hana hane maro, fa na ia ia magnorike ty zaka-foa le hahazo fahantra bey. 20 Ty ndaty matoky le hana fitahia bey,
fa ze malaky mahazo harea le tsy ho afake maike. 21 Tsy soa ty manoro fizizoa, fa ho ahy ty tsila-mofo ro hanova ty
ndaty ty tsy mete. 22 Ty ndaty kahihitre le magnia harea malaky, feie tsy haine fa ty fahantra ro ho avy amine eo.
23 Na ia ia magnanatre ndaty, le hahisake saotre bey kea bakamine noho ty bakamity raike ze mitsiriry aze amity
lelane afara zay. 24 Na ia ia mandrava ty raene vaho ty renene naho manao ty hoe:" Tsy hadisoa zay," le nama ty
raike ze manimba re. 25 Ty ndaty tsy miono magnetreke fifandiera, fa ze matoky Yaveh ro hambine. 26 Ze matoky ty
arofone avao le gege, fa na ia ia mindeha am-pahendrea le hilay ty loza. 27 Ze magnomea ty mahantra le tsy ho ore
na ino ino, fa na ia ia mihirem-belo amiereo le hahazo ozo maro vatane. 28 Laha fa mitsanga ty ndaty raty fagnahy,
le mihaja ty ndaty, fa ty ndaty raty fagnahy le ho ravae, naho hitombo ty ndaty mare.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 29

[1]Ty ndaty raike ze nandrae anatre maro kanefa magnamafe ty hatone le ho rava ao agnate ty nadro foheke tsy
misy fagnafaha. [2]Laha fa mitombo ty ndaty mare, le fale ty ndaty,fa laha fa ty ndaty raty fagnahy ro mpandily, le
sempotre ty ndaty.[3]Na ia ia tea ty fahendrea le mahafale ty raene, fa ze miarake amity mpitsangatsanga le
manimba ty hareane. [4]Manao ty tane amity rarene ty mpanjaka, fa ze mangatake tsolotre kea le manimba zay.[5]Ty
ndaty ze mitsiriry ty namane le mamelatre harato ho ahy ty tombone. [6]Ao amity hadisoa ty raty fagnahy ty
fandrike, fa ty ndaty mare kea le miantsa naho fale.[7]Ty ndaty mare le mihevetre ty aly ty ndaty mahantra; ty
ndaty raty fagnahy le tsy mahatakatre fahaia hoe zay. [8]Mandrehetre ty tana ty mpandratiraty, fa reo ze hendre
kea le mamio heloke.[9]Laha fa mialy hevetre amity gege ty ndaty hendre raike, le romotre re naho mihehe, naho
tsy hisy fijanogna. [10]Ty lian-dio le malay ze tsy manan-tsiny naho mifofo ty fiay ty mare.[11]Ty gege le manoro ty
helone iaby, fa ty ndaty hendre kea le mita zay naho mitsy re. [12]Laha midranjy vande ty mpandily, le ho raty
fagnahy iaby reo manam-pahefane iaby.[13]Ty ndaty mahantra vaho ty mpampijale le mitovitovy, fa Yaveh le
magnomea hazava ho ahy ty maso iereo roe eo. [14]Laha mitsara ty mahantra amity fahamarea ty mpanjaka raike,
le hitoboke zisikezay ty sezan-droandriane.[15]Ty tsilaketae vaho ty anatre le magnomea fahendrea, fa ty anake
afake tamity fotsipeke le mahamegnatre ty renene. [16]Laha fa eo amity fahefa ty ndaty raty fagnahy, le mitombo ty
fandikan-dily, fa ty ndaty mare kea le hahisake ty fiangona ty ndaty raty fagnahy.[17]Feheo ty ananao le hagnomea
fitofa ho anao re; hinday hamamia amity fiaignanao re. [18]Agne amize tsy misy fahisaha ara-paminania le
mihabiby ty ndaty, fa tahie ze miambe ty lily.[19]Tsy ho voahity amity rehake ty ndevo, fa ne le mahatakatre re; le
tsy hisy valene. [20]Henteo anie ty ndaty ze malaky rehake? Misy fagnategna beibey kea ho ahy ty gege noho ty
amine.[21]Ze mampihanta ty ndevone hatramity hakeleane, le hana ndaty agne amity fara zay. [22]Ty ndaty meloke
magnetseke fifandiera naho ty tompo ty heloke hanao hadisoa maro.[23]Ty avognavo ty ndaty raike mampihetre
aze, fa ze mana fagnahy tsotra kea le homean-kasy. [24]Ze mizara amity mpangalatre le malay ty arofone avao;
maharey ty ozo re fa tsy mirehake na ino ino.[25]Ty tahotre ty ndaty le mahavy fandrike, fa ze matoky Yaveh ro ho
voaaro.[26]Maro reo ze mipay ty vata ty mpandily, kanefa bakamy Yaveh ty rarene ho ahy ty ndaty raike.[27]Ty ndaty
tsy mare le haratia ho ahy ty ndaty mare, fa ze mahity lala kea le heje ty ndaty raty fagnahy.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 30

[1]Ty rehagny Angora anagny Jake-- Fampahafantara: nitalily tamy Itaela io lahilahy io, tamy Itaela naho Okala:
[2]Manahake biby vatagne raho mihoatse ndaty vaho tsy mana fahazavan-tsay ty ndaty raho. [3]Tsy nianatse
fahendrea raho, na mana fahaiza aze Rae Masigny.[4]Ia ty nanganike naho nijotso mbakandagnitse agne? Ia ty
naha vory rano amy ty lambae?Ia try nagnore ty farao taneo? Ia ty agnarane vaho ia ty agnara ty anagne? Haieo
vatagne zane![5]Vita tsara vatagne ty tsaran'Andragnahare; fiaro hoahy ze mitavandra aze Reke. [6]Kamagnampe
amy ty tsarane, kea ne holilovane riha, vaho hankatozene te mpavande riha[7]Zaka roe ty angataheko aminao,
vaho kamita reo aloha ty hifatezako: [8]Atalaro ahike ty raraha tsimisy naho ty vande. Kamey ahike na ty
tsifanagna ty hapagnarivo, fameo ahike avao ty hane angataheko. [9]Fanaho mana bey loatse raho, le mete
handietse anao ka hibola tihoe: ''Ia Yaveh zao?'' Nalaha mahatra raho, le mete hangalatse raho ka handoto ty
agnaran'Andragnahare.[10]Ka magnaraty ty ndevo eo agnatreha ty tompo, sao hagnozo anao reke vaho hovota
homeloke riha.[11]Misy taranake mgnozo ty rae naho tsy misaotse ty renee. [12]misy taranake malio eo maso avao,
nefa tsy vaosasa tamy ty loto.[13]Misy taranake mamere ty maso, vaho ingo ty fivinto ty holimasone! [14]Misy
taranakezay meso ty nifene, valognorane manahake mesobey, mba hihinanane ty tsimana hiala amy ty tane vaho
ty mijaletsy hoeo amy ty ndaty.[15]Ty dinta managnanak'ampela roe: ''meo, meo'' hoe ty longone. Misy zakatelo zay
tsy mite afa-po, efatse zay tsy mba mivola tihoe: ''Ampe zay'' [16]le ty Fiaigna tsy hisake; ty troke tsiterake; ty tane tsy
tsilendrano; vaho ty aforo tsy mivola tihoe: ''Ampe zay!'' [17]Ty maso zay magnaraty ty rae naho mandreberebe ty
fankasitraha ty renee, hotsimohe ty goakeambaibo agne ty masone zane, vaho holany ty voro reke.[18]Misy raraha
telo zay mahave loatse ahike, eka efatse zay tsy takatso: [19]ty lalagny ty voro mahereegne andagnitse; ty lalagny ty
bajy egne amy ty lamilamy; ty lalagny ty sambe egne agnivo ty riake; vaho ty lalagny ty lahilahy miharo lia amy
ty simondrara[20]Izao ty fomba ty ampela goa: mihina reke kamamobava vaho mivola tihoe: ''Tsy nanao raty
raho.''[21]Mihozongozo eo ambone ty raraha telo ty tane, vaho amabane ty raraha efatse ro tsy zakane: [22]la ty ndevo
naho lasa mpanjaka, ty adalalaho vokyhane; [23]ty ampelahejene laha sintahe; vaho mpanompo ampela laha
mangalake ty toera ty tompone ampela.[24]Raraha efatse ro antane eto ro kele nefa hendre vatagne: [25]Ty vitike le
voahare tsy mahere, nefa magnoma ty hane amy ty asara iareo; [26]ty hyraky ty vato le tsy voahare mahere, nefa
manao ty fitobohane agnate ty lamilamy.[27]Ty valala le tsy mana mpanjaka, nefa milahatse ty liae. [28]Vaho ty amy ty
antsiatra, le azonao hohane amy ty tagnanao roe zane, nefa le hisake agne amy ty trgno ty mpanjaka.[29]Misy
raraha telo soa famindra vaho efatse zay soa ty liae: [30]ty liona, zay mahere loatse amy reo bibi-ly--- tsy miholitse
na ino na ino zane; [31]ty akoho mpialy; ty oselahy; vaho ty mpanjaka zay eo agny ty maramila.[32]Naho adala riha,
nagnambone vata, na naho nagnadihady ty raty--- le ataovo ambavaao eo ty tagnanao. [33]Ty fagnotsagnotsagna ty
ronono ro mahavy ty ronono mandre vaho manahake ty fiboahan-dio amy ty oro ty ndaty naho ahodikodike
zane, manahake zane ty asa asae amin-keloke le miterake aly.

Chapter 31

[1]Reo rehagny Lamoela mpajaka-- anatse nampianare ty renee aze. [2]Ino, anake? Ino zane, ry anagny ty troko? Ino
ty tiaronao, ry anagny ty sarekeko? [3]Kamey ampela ty herenao, na ty lalagnao hoay reo zay manimba ty
mpanjaka.[4] Zane tsy hoahy mpanjakay, ry Lamoela, tsy hoahy reo mpanjakaty finoma divay, kea hoahy ty
mpandily mba hagnontane tihoe: Aia ty raraha inome mahere? [5]Sao haligno iareo zay voalily, vaho hamalike ty
marene hoamy ty fijalea iaby.[6]Meo raraha inome mahere ty ndaty fahomate vaho divay hoaireo agnate ty haoreo
mafe. [7]Hino reke vaho hagnaligny ty tsifanagnane vaho tsy hahatiaro ty fahoreane reke.[8]Mivolagna hoahy reo zay
tsy afake mivola, hoahy ty ekipa iaby ze fahomate. [9]Mivolagna mafe ka mitsara arake ze marene vaho manova
temoe hoahy ty olo tsimana naho mijale.[10]Ia ty mahisake ampela manahake aze? Ty vesae tsy mitovy amy
oravakeo. [11]Ty fo ty valie leamine agne iaby, vaho tsy homahatra sasa reke. [12]Manao raraha soa hoaze reke vaho
tsy nanao raty tamy ty andro nivelomane iaby.[13]Mifily volon'aondry naho rongony reke, vaho miasa an-kafale
amy ty tagnane. [14]Manahake reo ty sambo ty mpivarotse reke; bakalavitse ty andaisane hane. [15]Mifoha rekele
haleke magnomey hane ty longone, vaho mizara asa hoahy hoahy reo mpiasane ampela.[16]Reke ty mandineke ty
baibo vaho mivily zane, amy ty vokatse ty tagnane ro ambolene voaloboke. [17]Mampiakanjo here ty vatagne reke
vaho mampatanjake ty sandrine.[18]Mahafantatse ty hotombotsoa hoaze reke; le beamaray ty jiroe le tsy vonoene.
[19]Apiatoene amy ampela eo tagnaney, vaho tanane ty fihantognam-bokatse.[20]Magnamaiva ty tagnane amy ty
ndaty mijale reke; magnamaiva ty tagnane amy ty ndaty tsimana reke. [21]Tsy matahotse mika hahazo ty longone
reke, satria ty longone iaby le misafotse volon'aondry mena.[22]Mamboatse lombopandre reke, vaho miakanjo
rongony matify voloparasy. [23]Ty valie ro fantatse ao amy ty lalandakoro, naho fa miaharo toboke amy loholo ty
tane reke.[24]Mamboatse akanjo rongony foty reke vaho mamarotse reo, vaho nivaty samboaty hoahy reo
mpivarotse reke, [25]Miakanjo here naho voninahitse reke, vaho homehe amy ty fotoa hoavy reke.[26]Mamoha ty
vavae amy ty fahendrea reke vaho eo amy ty lelae ty hasoafagnahy. [27]Miambe ty lalagny ty longone reke vaho tsy
mihina ty mofo ty fagnaratia.[28]Mitsanga ty anagne ka mikaike tihoe vatahy, vaho miantsa aze ty valie, manao
tihoe: [29]''Maro ty ampela fananao soa, nefa miahoatse aze riha.''[30]Fitake ty hasoa, tsimisy dikae ty hasoatarehe, fa
ty ampela matahotse Yaveh, le hantsae reke. [31]Meo aze ty asan-tagnane vaho lonike ty asane hiantsa aze egnr amy
ty lalandakoro.

# Ecclesiastes

Chapter 1

[1]Intoa ty tsara iaze Mpitoriteny, iaze foko ndre Davida naho mpanjaka Jerosalema. [2]Ty Mpitoriteny mivola izao.
"Manahake ty evo ty zavo, manahake ty talio, ty fanjavogna ty zaka iaby, magnega fagnotanea maro. [3]Ino ty
zakasoa azo ty ndaty bakamity sata iaby ze nirerahane tambane masoandro ao?[4]Ty foko raike lasa, vaho ty foko
raike hafaavy, kanefa ty tane misy zisikagne. [5]Miboake ty masoandro, vaho milenteke zay vaho tsiela hariva
amity pilasy ze iboahane ndraike agne. [6]Mitioke miagnatimo ty tioke vaho manao farebola miody mba avaratse
agne, mindeha miodikondy amity lalane zisikagne vaho mihere ndraike.[7]Rano iaby reo magnoja an-driake agne,
fa ty riake tsy mete feno. Amy gnize pilasy handehana gny rano reo, ro handehana gnizay ndraike. [8]Mandrare
mandrerake ty zaka iaby, vaho tsy misy mahay magnazava izay. Ty maso tsy afa po amy gnize hisane, ndre ty sofy
vatane amignize rene.[9]Ze iaby fa teo le mboe ho eo, vaho ze iaby fa vita ro mboe ho anoe. Tsy misy zaka vao ty
ambane masoandro. [10]Feie vao misy zaka ze mete ho volagne tihoe: 'Ingo, zaka vao toy? Ze iaby misy lefa nisy
zisikamity andro ela, zisike reo tao ze avy ela talohantika. [11]Hoe tsy misy hisake ho mahatiaro zaka reo ze niseho
tamity andro taloha, naho reo zaka ze niseho vaho tsiela vaho reoze mboe hiseho amity ho avy le tsy ho tiaroe
kea."[12]Iraho iazeMpitoriteny, vaho fa mpanjaka tamy Israely teo ta Jerosalema agne. [13]Nampiasa ty saiko raho
hianatse naho hila ampahendrea ty zaka iaby ze nanoe tambane ty lagnitse eo. Ze fila zay le sata mavesatse ze
namea Nagnahare ahy gnondaty reo hiadagnane. [14]Fa hisako iaby sata iaby ze nanoe tambane masoandro, vaho
ingo, iereo iaby le setroke mihavosa naho vetsevetse ty handietse ty tioke. [15]Ty diso le tsy mete hahity! Ty tsy avy
tsy hae isafe!
[17]Le nandineke i asan' andriagnahare reo iaby raho, vaho ty ndaty le tsy ho afake ty hahatakatse ty asa vita teto
ambane masoandro. Na hiasa manahake ty no i ndatio, tsy le hahay fantatsizay reke.

Chapter 2

[1]Hoe raho ampiako eo tihoeke: "Magnatogna henanezao, hitsapa anao amity hafalea raho. Kale teavo ty zaka soa.
"[2]Fa Ingo, talio mandrio avao zay. Hoe raho tamity hehe tihoe: "Hagegea zay, vaho tamity zaka tea tihoe: "Ino ty ila
izay?[3]Nanente tampiako ao raho tihoe hanao akore ty hahisahako hatea amity divay. Engako tarite ty siako amity
fahendrea raho ndra le mboe voatanjake tamity hagegea avao aza raho. Te hahisake ze soa ho ahy ty ndaty hanoe
ambane ty lagnitse etoy andro hiagnane reo.[4]Namita zaka bevata raho. Nananga tragno ho ahy raho vaho
nambole tamy tanen-boaloboke reo. Nananga lavaranga naho baibo ho ahy ty vatako raho; nambole karazan-
ketae iaby fihinan-bole tamy gnizay eo raho. [6]Namoro lava drano hanesea rano ala reo ze nitomboa hetae reo
raho.[7]Viniliko ndevo lahy reo naho ndevo vave reo; nana ndevo terake tan-dapako ao raho. Nana agnombe maro
naho agnodry aman'ose ho biby fihare avao kea raho, maro mihoatse naho ty ahy mpanjaka reo ze nandily
talohako eo ta Jerosalema ao. [8]Namory volafoty naho volamena, ty hanagna mpanjaka reo naho faretane reo ho
ahy ty vatako avao kea raho. Nana mpiantsa lahy naho vave ho ahy ty vatako avao raho-fahafinareta ty
anagn'ondaty-vaho valintsindrano maro.[9]Le nizare bevata naho manakanagna mihoatse naho reo iaby ze
tagnoloako eo ta Jerosalema ao raho, vaho ty fahendreako nitoboke tamiko. [10]Ndre ino ndre ino nirie ty masoko,
le tsy tinanjako tamy gniereo. Tsy nitanjake ty foko tamity zaka soa iaby raho, satria ty foko le fale tamity asako
iaby vaho ty zaka soa ro valesoako tamity asako iaby.[11]Le nagnente reo asa iaby vita ty tagnako raho, vaho reo
fotofa ze nataoko, fa ty zaka-iaby le setroke vaho fikasa handietre ty tioke ndraike. Tsy nisy tombon-tsoa tamizay
teoy ambane ty masoandro. [12]Bakeo le nitolike raho mba hidineke ty hamarea, naho kea ty harobahan-tsay vaho
ty hagegea. Fa ino ro azo ty mpanjaka ho avy hisolo ty mpanjaka atao, ze mboe lefe?[13]Le nanomboke nihanaza ty
saiko fa ty famarea le ahazoa tombone kea noho ty hagegea, manahake ty fahaza soa kea noho ty ieke. [14]Ty ndaty
mare le mampiasa ty masone eo amity lohane mba hagnentea ty lalan-kombane, fa ty gege le mindeha amity
maieke,na le hainao aza fa lahatre mitovy avao ro hoahy ty ndatry iaby.[15]Le hoe raho tagnarofoko ao hoe:" Ze
mahazo ty gege, le hahazo ahy avao kea. Ka ino ro maha-sambe hafa zay laha ho vatane mare raho?" Le fineheko
tagnarofo hoe:" Toy kea le deboke avao." [16]Fa ty ndaty mare, manahake ty gege, le tsy ho tiarove ela kea. Hoavy ty
andro ze hagnalignoa ty zaka-iaby. Ty ndaty mare le mate manahake ty mahafate ty gege.[17]Ka le nalay ty fiaigna
raho satria reo asa iaby ze vita teo ambane masoandro le raty tamiko. Zay le satria ty zaka-raty le deboke vaho
vasavasa handietre ty tioke. [18]Hejeko iaby reo fitofako iaby ze niasako tegne ambane masoandro satria le tsy
maintsy magnisy rey afara agne ho ahy ty lahilahy hoavy magnorike ahy raho.[19]Fa ia ro mahay na hondaty mare
re na ho gege? Nefa re le ho tompo era ty zaka-iaby ambane masoandro ze natsanga ty fitofako vaho ty
hamareako. Deboke avao kea zay. [20]Laha zao le nanomboke namoe arofo tamireo asa iaby ze nataoko teo ambane
masoandro raho.[21]Fa mete misy ty ndaty ze mitofa amity hamarea, amity fahaia, naho amity fahaia manao, fa
hengane ho ahy ty lahilahy ze tsy nanao na raike tamireo aza ty zaka-iaby anagnane. Zay kea le deboke vaho loza
foloay. [22]Fa ino ro tombon-tsoa azo ty ndaty ze miasa mafe vaho miezake manao amity arofone reo asane eo
ambane masoandro? [23]Isan'andro le marare vaho mampialy hevetre ty asane, ka le tsy mahisake fitofa ty
fagnahine amity hale. Zay kea le deboke.[24]Tsy misy zaka soa amity ndaty mihoatre ty hoe mihina vaho mino avao
naho entsake amizay soa amity asane. Le nahisake raho fa bakamity tagnan'Agnahare ze mare zay. [25]Fa ia ro
afake hihina na ia ro afake hana zaka-soa isan-karazane laha tsy ty bakamin'Agnahare?[26]Fa ze mahafale aze, le le
hamean' Agnahare hamarea vaho fahaia naho hafalea. Kanefa, ty mpanonta le ameane ty asa famoria vaho
famoria mba hahafahane magnomea zay ho ahy ty ndaty ze mahafale an' Agnahare. Zay kea le agnate ty deboke
vaho dineke handietre ty tioke.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 3

1Fa zaka iaby le fa voatondro amity androne, naho ty andro ho amity fagniria kirai-kiraike ambane lagnitre. 2Misy
andro fiteraha vaho andro mahafate, andro hambolea naho andro hamokara, 3andro hamonoa naho andro
hagnafaha, andro handrava naho andro hagnoregna4Misy andro hitagnia naho andro hihehea, andro handala
naho andro handihiza, 5andro hagnariam-bato naho andro hamoriam-bato, andro hifihina ndaty hafa, naho
andro handrara ty famihy.6Misy andro hipaian-jaka naho andro hitofa mipay, andro hipiteha amin-jaka naho
andro hagnaria zay, 7andro handriata naho andro hanjaira, andro hitsigna naho andro hirehafa.8Misy andro
hiteava naho andro halaigna, andro hialia nado andro hilongoa. 9Ino ro tombone azo ty mpiasa amity asane? 10Le
fa hisako ty asa ze namean' Agnahare hatao ty ndaty.11Le fa nanao ty zaka-iaby hifagnarake amity androne ty
Zagnahare. Le fa nanao ty zisikezay tao agnarofo reo avao kea re. Nefa tsy afake hahatakatre ty ndaty, zisikamity
voalohane ka hatramity farane.12Haiko fa tsy misy zaka soa ho ahy ty ndaty noho ty mifale vaho manao zaka-soa
zisikagne laha mboe velo kea re__13naho ty ndaty iaby le tokone hihina vaho hino, naho tokone hahay hifale
amity soa ze bakamity asane iaby.14Haiko fa iaby ze ataon' Agnahare le maharetre zisikagne. Tsy afake ampea zay
na agnafaha, satria Zagnahare ro le fa nanao zay mba hamonjea ty ndaty aze amity hasy. 15Iaby ze misy le fa nisy,
iaby ze hisy le fa nisy. Zagnahare le nanao ty ndaty hipay reo zaka-mihaja.16Le fa nahisake ty haratia ze etoy
ambane masoandro raho, ze tokone hisy rarene, naho eo amity toera ty hafitia, le ty haratia ro tao. 17Hoe raho
anakampo hoe:" Ho tsaraen' Agnahare amity androne ty ndaty mare vaho ty raty fagnahy ty amity raraha vaho ty
asane iaby.18Hoe raho anakampo hoe:" Magnentea toera ty ndaty ty Zagnahare mba hanoroa iereo fa manahake
ty biby iereo."19Fa amiereo le sahala ty mizo ty ana ty ndaty vaho ty mizo ty biby. Ty fate ty raike le manahake ty
fate ty raike hafa. Mitovy ty fofognay ie iaby. Tsy misy tombone ho ahy ty ndaty eo amity biby. Fa ie vao tsy
fofognay avao ty zaka-iaby? 20Ty zaka-iaby le sambe mbaeo amity toera raike. Ty zaka-iaby le bakamity deboke,
naho zaka iaby le hizare deboke.21Ia ro mahay na miakatre agne ambone ty fagnahy ty ndaty naho mizotro agne
amity tane ty fagnahy ty biby? 22Ka le haiko ndraike fa tsy misy zaka soa ho ahy ty ndaty noho ty mifale amity
asane, fa zay ro asa nanendrea aze. Ia ro afake hinday aze mihere mba hagnente ze miseho afara?



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 41Nandineke ndraike miomba ty fijalea iaby ze vita teo ambane masoandro raho. Naho ingo, ry ranomaso ty ndaty nampijale, naho iereo le nana na ia ia mba hampintsy aze! Teo antagna ty mpampijale iereo ty here, naho tsy nisy na raike aza hampintsy iereo!

[2]Laha zao le manalama ty ndaty mate raho, reo ze le fa mate, fa tsy ty velo, reo ze mboe velo. [3]Kanefa, sambatre noho ie roe tonta ty ndaty ze tsy mboe namboare,ze tsy mboe nahisake ty asa raty iaby ze vita ambane masoandro.[4]Naho hisako fa ty asa kirai-kiraike vaho ty fahaia-manao kirai-kiraike le lasa fagniria ty mpiara-belo hafa. Zay avao kea le deboke vaho dineke handietre ty tioke.[5]Ty gege mamoretre ty tagnane naho tsy miasa, ka le ty nofone avao ro hanenene. [6]Fa soa kea ty tombone raike tana amity asa milamy noho ty roe tagna amity asa ze miezake ty mandietre tioke.[7]Bakeo le nidineke miomba ty zaka-foa maro ndraike raho, fifanjavogna zavo maro teo ambane masoandro. [8]Misy ty karazan-dahilahy ze mitoboke arere. Tsy mana na ia ia re, na anadahy na rahalahy. Tsy misy fiafara ty asane, naho ty masone tsy mba entsake amity harea azo. Nagnontane vata re hoe:" Ho aminia ro hiasako mafe naho handagna ty vatako ty hafalea?" Zaka-foa avao kea zay, toe-jaka raty.[9]Soa vatane ty ndaty roe miasa naho ty raike; laha miarake iereo le mahazo karama soa ho ahy ty asane. [10]Fa laha tonta ty raike, le magnamare iragneney iraikey. Kanefa, ty alahelo le magnorike iaze raike avao oy laha tonta re kale tsy misy ndre raike aza magnamare aze. [11]Laha roe ty miharo firoro, le mete Hafana iereo, feie manao akore ty hampafana ty raike avao?[12]Ty lahilahy raike ro mete resy, fa ty roe mete afake mandietse tafike, vaho ty kofehe telo tsy ho mora tampahe.[13]Soa vatane ty tsy mana fa kolo hendre manahake ze mpanjaka antetse gege ze tsy mahay sasy ty fomba injanjigna fampianbena. [14]Mare zay ndra le nanjare mpanjaka aza ty ajiahy raike baka angadra agne, ndra le mboe naterake tsy hana amity fanjakane ao aza re.[15]Kanefa, Iraho le nahisake ty ndaty iaby ze velo naho mandeha ambane ty masoandro mandefa ty vata gniereo mbamity ajiahy hafa ze nitsanga manahake ty mpanjaka. [16]Tsy misy fiafara ho ahy ty ndaty iaby ze magniry ty hagneke ty mpanjaka vao, fa afara agne le maro amy gniereo ty tsy hirenge aze sasy. Setroke vatane ze raraha zay vaho fagniria handietse ty tioke.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Ambeno ty findaisa vatagnareo lahafa mba tragno Nagnhare mbeo riha. Mandehana agne hinjajy. Ty minjajy le
soa naho ty gege magnomey soro nefa tsy mahay fa raty ty atao gniereo amity fiagna eo reo.[2]Ko malaky mivola
amity vavagnao, vaho ao ty fognao tsy halaky hagnakatse ze raraha iaby agnoloa Nagnahare eo, fa iriha an-tane
etoy, kea ko maro safa riha. [3]Laha bevata loatse ty zaka ataonao naho mampiahiahy anao, le hagninofy raty
vatane riha. Ty hamaro tsara vinolagnao reo, ro hamaro ty hagegea mete ho volagne.[4]Lahafa manao vava ami
Nagnahare riha, le ko tara amity fanova gnizay, fa tsy to Nagnahare gege reo. Anovo ze nanovagnao vava fa
hanoenao. [5]Aleo tsy manao vava toy izay manao vava ze tsy ho vitagnao.[6]Ko enga handiso ty nofognay ty
vavagnao. Ko mivola amity ira ty mpisoro tihoe: "Hadisoa ivava igne." Ino ty mahameloke a Nagnahare amity
fanova vava tsy ie, mihantsy a Nagnahare hanimba ty asa ty tagnanao? [7]Fa amity nofy maro ao, manahake ty
amity tsara maro, le misy setroke tsisy dikane. Kea matahora a Nagnahare.[8]Laha hisagnao ampijale naho robahe
amity findaisa mare naho mahity amity efegnao ty tsy mana, le ko vere laha tsy misy ndaty mahay, satria misy
ndaty mafe miambe ambe ty fahefa gniereo reo, vaho misy ndaty ambone vatane aza mandily iereo. [9]Tovo
gnizay, ahy ty ndaty iaby ty voka ty tane, vaho ty mpajaka mahity ty mangalake ty vokatse amy baibo reo.[10]Ty
ndaty iaby tea volafoty le tsy ho afa po amity volafoty, vaho ty ndaty iaby ze tea hanagna le mila mihoatse
zisikagne. Izay, avao kea, le setroke. [11]Manahake ty hitomboa ty hasoa, le manahake izay avao kea ty ndaty
mihina izay. Ino ty tombotsoa ahy ty tompone amity hanagna laha tsy ty magnete izay amity masone?[12]Mamy ty
torimaso ty ndaty miasa, ndre mihina kele ndre bevata re, fa ty hanagna ty ndaty manankanagna le tsy magnega
aze hiroro soa.[13]Misy raty mijale ze fa hisako tambone masoandro etoy, le hanagna avory ty tompone, fa miafara
amity fijalea avao. [14]Laha tsobo amity haraty andro ty hanagna ty ndaty manan-kanagna, ty anake lahy,
nateraney, le sisa tsy mana mana ndre ino ndre ino an-tane eo.[15]Manahake ty ndaty terake niborida baka antsoke
ndrenegnao, le miborida manahake izay avao kea ty hialane amity fiagna toy. Tsy afake hinday ndre ino ndre ino
an-tagnane egne bakamity asane re. [16]Ty raty mijale hafa le manahake ty ndaty avy vatane, kea manahake izay
kea ty tsy maintsy handehanagnay. Kea ndre ty tombone azo ty ndaty amity fiasa ho ahy ty tioke? Andro raike le
mihina amity ieke re vaho mijale avao amity arete naho siake.[18]Ingo, ze fa hisako ho soa naho mete le ty mihina
naho mino vaho tea ty tombone aby amity asantika iaby, laha miasa ambane ty masoandro zisike ty androm-
piagna ze fa namean-Nagnahare antika toy.Fa izay ro anjara ty ndaty.[19]Ty ndaty ze namea Nagnahare hanagna
naho harena vaho hilala handrambe ty anjarane kale hifale amity asane-fagnomea baka ami Nagnahare zay. [20]Fa
vatane tsy tiarone andro piagnane re, satria anoe Nagnahare rerake amy zaka teane hatao reo re.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

[1]Misy raty hisako tambane masoandro egne, vaho mafe ho ahy ty ndaty zay. [2]Mete hagnomey hanagna, harena,
vaho hasy amity ndaty raike Nagnahare mba tsy hijale ndre ino ndre ino amy ze iriene ho ahy ty vatane re, feie
Zagnahare tsy hagnomey fahefa aze hiteavane izay. Fa kea, misy ndaty mampiasa zakane reo. Zaka foa zay,
finjalean-draty.[3]Laha misy lahilahy managnanake anjatone naho miay tao maro, soa ho maro ty andro taone reo,
fa laha tsy afa po amity soa ty arofone vaho tsy aleve aman-kasy re, le hoe raho tihoe: ty kolo mate ampiteraha eo
le soa kea naho ire. [4]Ndra le terake amity zaka foa aza ty kolo manahake izay vaho mate amity ieke ao, vaho
miviny ty agnarane.[5]Ndra le tsy mahisake masoandro aza o kolo o ndra tsy mahay ndre ino ndre ino , le mana
fitofa mihoatse naho ze lahilahy zay re. [6]Ndra le tokone hiay roa arivo tao aza ty ndaty nefa tsy mianatse mitea
zaka soa reo, le mandeha amity pilasy mitovy manahake ty ndaty hafa iaby agne re.[7]Ty asa ty ndaty iaby le amity
vavane, nefa tsy mboe afa po amity hanene. [8]Eka vatane, ino ty zaka soa anagna ty ndaty hendre amity gege? Ino
ty zaka soa anagna ty tsy mana ndra le mahay ty fomba fatao magnoloa ty ndaty hafa aza re?[9]Soa kea ty afa po
amy ze hisa ty maso naho ty mare ze ila ty homa miriorio, ze setroke naho Andra hanohera tioke avao kea. [10]Ze
iaby nisy lefa namea ty agnarane, vaho fa hay tihoe manahake ty ino ty ndaty. Naho izay le manjare tsisy dikane
ty mifale amy ze mpitsara mafe iaby. [11]Amity habevata ty tsara vita resake, ro hitomboa ty zaka foa, kea ndre ino
ty tombontsoa gny zay amity ndaty? [12]Fa ia ty mahay ze soa ho ahy ty ndaty amity fiaghane mandrio eo, andro
vita isake ze hiaignane manahake ty aloke? Ia ty afake mivola amity ndaty ty amy ze ho avy ambane masoandro
egne lahafa baka mandrio re?


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 7

[1]Ty laza soa le soa vatane naho ty ranomagnitse lafo vily, vaho ty andro ty fate le soa vatane naho ty andro
fiteraha. [2]Soa kea ty mandeha amity tragno fandala naho ty amity tragnon-kafalea, satria ty fandala le avy
bakamity ndaty iaby amity fara ty fiagna, ka tokone rambese ty ndaty velom-po zay.[3]Ty alahelo le soa kea naho ty
hehe, fa afara ty tarehe malahelo ro hiavia ty hafalea ty fo. [4]Ty fo ty hendre le antragno fandala ao, fa ty fo ty gege
kea antragno nkafalea ao.[5]Soa vatane ty minjajy ty tsara mafe ty hendre naho ty minjajy ty antsa gege reo. [6]Fa
manahake ty fikarepo tsifa mirehetse ambane velagne eo reo, le manahake izay kea ty fihehea gege reo. Izay,
avao kea, le zaka foa.[7]Ty fandrava le azo le vatane le maha gege ty hendre, vaho ty fitake manimba ty fo.[8]Soa kea
ty fiafara ty raraha raike naho ty fanombohane; vaho ty ndaty Tama ampagnahy le soa kea naho ty mirengerenge
ampagnahy. [9]Ko tsiela meloke ty fagnahinao, satria ty siake le mitoboke am-piay gege reo ao.[10]Ko mivola tihoe:
"Nanao akore andro taloha ao soa kea naho ty amizao io? Fa izay le tsy naho ty fahendrea laha magnotane o
fagnotanea io riha.[11]Ty fahendrea le soa naho zaka sarobily ze linovantika reo bakamy razantika reo. Izay le
minday zakasoa ho ahy ze mahisake ty masoandro. [12]Fa ty fahendrea le minday fiaro manahake ty vola mahazo
manday fiaro, feie ty vokatsoa ty hilala le tihoe magnomey fiaigna ho ahy ze mana aze ty fahendrea.[13]Dineho asa
Nagnahare reo: Ia ty hagnity ty zaka iaby diniso?[14]Lahafa soa ty andro, le miay aman-pifalea amy ze hasoa zay, fa
lahafa raty ty andro, le dineho ty mikasike itoy: Zagnahare le fa nagnega ie roe hiharo. Naho ze antone zay, le tsy
misy mahisake ty zaka iaby ze miseho afarane.[15]Fa nahisake zaka maro raho tamy andro keleko reo. Misy ndaty
mare reo ze rava ndra le eo aza ty hamare gniereo, vaho misy ndaty raty fagnahy ze ela velo ndra le eo aza ty
haratia gniereo. [16]Ko magnamare tegna, hendre amasognao eo. Nanao akore ro tokone hanimba ty vatagnao riha?
[17]Ko le raty fagnahy na misaregege loatse. Nanao akore riha ro tokone ho mate aloha ty andrognao? Soa laha
mitanjake o fahendreao riha, vaho tsy tokone hagnega ty hamare hindeha. Fa ty ndaty ze matahotse a Nagnahare
le hahisake asane reo iaby.[19]Mafe ty fahendrea amity ndaty hendre, mihoatse naho ty mpandily folo amity tana
raike ao. [20]Tsy misy ndaty mare manao soa naho tsy mboe nandiso izay vatane ty antane eto.[21]Ko minjajy ty vola
misy, satria mete haharey ty mpanomponao hagnozo anao riha. [22]Hoe izay kea, iriha le mahay fa fa nanozo
mateteke ty hafa tan pognao ao avao riha.[23]Iaby reo le fa pinorofo tamity fahendrea. Hoe raho tihoe: "Ho hendre
raho," feie nihoatse ty tokone ho ie zay. [24]Ty fahendrea le lavitse naho laleke. Ia ty hahisake izay? [25]Nagnova ty
foko soa hianatse naho handineke vaho hila ty fahendrea naho fagnazava reo ty zaka misy raho, vaho
hahatakatse fa gege ty raty vaho ty hagegea le vere sae.[26]Hisako fa mafaitse kea naho ty havilasy ty ampela feno
fitake naho harato ty fone, vaho misy rojo vy ty tagnane. Ndra ia ndra ia magneke a Nagnahare le ho afake
amine, fa mpandiso reo kea ho lasane.[27]"Dineho ze fa hisako," hoe ty Mpitoriteny. "Nagnampe fikaroha raike
tamity hafa raho hahisaha hazava ty zaka misy. [28]Izay ro mboe ilako, feie tsy hisako zay. Tsy nahisake ndaty mare
raike tamity agnarivone eo raho, vaho tsy nahisake ampela raike tamy iaby reo eo raho.[29]Intoy ty fa hisako: fa
Zagnahare le namboatse ty ndaty ho mahity, feie nandeha nila hasahira maro iereo."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 8

[1]Ia ro ndaty hendre? Ia ro mahay ty dika zaka misy amity fiagna eo? Ty fahendrea amity ndaty le mahavy ty
tarehene ho somimosimo, vaho miova ty hamafe ty tarehene.[2]Manoro hevetse anao raho hagnekea ty lily ty
mpanjaka naho ty fanta Nagnahare hiaro aze. [3]Ko Malay amity fiatrefa aze, vaho ko manditeke amity sata raty,
satria ty mpanjaka manao ze iriene iaby. [4]Manjaka ty tsara ty mpanjaka, ka ia ty hivola amine tihoe:"Ino ty
anoenao toy?[5]Ndra ia ndra ia miambe lily ty mpanjaka reo le miala heloke. Ty fo ty ndaty hendre le magneke ty
lala iharoa naho ty andro ty havoria. [6]Misy valene mare naho andro hamalea ty zaka iaby, satria bevata
porobolemo ty ndaty reo. [7]Tsy misy mahay ze ho avy. Ia ty hivola amine ze ho avy?[8]Tsy misy mpanjaka amity fofo
gnay kea hampijano ty fofo gnay, vaho tsy misy manan-kere amity andro ty fate. Tsy misy afake amity miaramila
zisike ty aly, vaho ty haratia le tsy hamonje reo ze gadra gnizay. [9]Nahay ze iaby zay raho: nampijano ty foko
tamity asa soa iaby ze nanoe tambane masoandro etoy raho. Misy ty andro ze ampijalea ty ndaty hafa amity fere
gny ze ndaty zay.[10]Kale hisako ty raty fagnahy naleve am-pahibemaso. Nalae tamity faretse masy iereo ka naleve
vaho rinenge ndaty tamity tana ze nanovagniereo ty sata ratine reo. Izay kea le tsy misy dikane.
[12]Ndra le manao raty injato aza ty raty vaho mboe velo zisike ty andro maharetse, le haetso fa soa ho ahy reo ze
magnaja a Nagnahare , magnomey hasy ty fiaviane miarake amy iereo zay. [13]Fa tsy ho soa ho ahy ty raty fagnahy
zay; tsy haharetse ty fiagnane. Androne reo le manahake ty aloke mihakele satria tsy magnomey hasy a
Nagnahare re.[15]Kea mila ty hafalea raho, satria tsy misy zaka soa azo ty ndaty ambane masoandro egne naho ty
mihina naho mino vaho fale. Le ty hafalea ro hagnorike aze amity asane agne amity andro piagnane iaby ze
namea Nagnahare aze ambane masoandro.[16]Laha marefe ty foho hahalala i fahendreagnio raho naho
hahafantatse ty asa ze ataoeto ambone tane,le vita tsy miroro hale gnamin'andro amy asay. [17]Le nandineke i
Andrianagnahare reo iabe raho, vaho ty ndaty le tsy afake ty hahatakatse ty asa vita teto ambane masoandro. Na
hiasa manahake ty no i ndatio, tsy le haha fantatsizay reke.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 9

[1]Nieretseretse ty momba iaby zay tato an- tsaiko raho mba hahatakarako momba ty ndaty marene naho hendre
vaho ty asa iareo. Eo an-tagnan,Andriagnahare iaby. tsy misy na ia ia mahafantatse na ho teane na ho hejene ro
ho avy amity ndaty raike.[2]Nitovy ty lahae kiraikiray. Mitovy ty lahatse mandigne ty ndaty marene naho ty raty
fo,ty soa,ty malio nanao soro. Ho mate ty ndaty marene, le hanahak'izay avao kea ty panota. Ho mate ze velo, le
hanahak'izay avao kea ty ndaty matahotse manao fianianana.[3]Mis lahatse raty ho aity kila raraha ze eto ambane
masoandro.lahatse raike ho aity kiraikiraike. Feno haratia ty fon'olombelo, vaho am-po iareo ao ty hereloha laha
mbo velogn'iereo. Fa afara izay le ho mate iareo.[4]Fe iaby miharo amity velo, le misy fanantenagne, manahake ty
mahasoa ty amboa velo toy zay liona mate. [5]Fa ty olombelo le mahafantatse fa ho mate iareo, fa ty mate tsy
mahafatatse inignino. Tsy mana valesoa sasa iareo, satria le fa haligno ty fahatiarova iereo.[6]Ty hatea, ty falay,
naho ty fagniria iereo lefa nanjavo fa ela. Tsy hana toera amity zaka iaby ze atao etoy ambane masoandro sase
iereo. [7]Mindehana amity lalanao, hano ampifalea ty mofonao, naho nomo amity arofo fale ty divainao, satria ty
Zagnahare le magnenke ty fandaza reo asa soa. [8]Ao ho foty zisikagne ty akanjonao naho ao ho voahosotre amity
diloilo ty lohanao.[9]Mivelo amin-kafalea miarake amity valy teanao amity androm-pivelomanao iaby mandalo
avao, le reo andro ze namean'Agnahare anao tegne ambane masoandro zisike reo andronao mandalo avao. Zay
ro velesoanao amity fiaigna noho reo asanao tegne ambane masoandro. [10]Na ino ino hisa ty tagnanao atao, le
hiasa ao amity herenao zay satria tsy misy asa na fagnazava na fahaia na hamarea agne amity fiaignan-tsy
hisake, ty hindehananao.[11]Le fa nahisake zaka ilane mahatea teo ambane masoandro raho: Ty lailay le tsy ahy ty
ndaty malaky lia. Ty aly le tsy ahy ty ndaty bojane. Ty mofo le tsy ahy ty ty ndaty mare. TY harea le tsy ahy ty
nday ty mahity. Ty saotre le tsy ahy ty mahay. Fa kea, ty andro vaho ty vinta le mahazo ie iaby. [12]Fa tsy misy na ia
ia mahay ty andro hifatezane, manahake ty hazan-drano ze azo ao amity harato ty fate, na manahake ty voro ze
azo ty fandrike. Manahake reo biby, ty ndaty le gadra ao amity andro raty ze avy tampoke amiereo.[13]Fa nahisake
fahendrea tambane masoandro eo avao kea raho hoe bevata tamiko zay. [14]Nisy tana kele raike tsiampe ndaty
tamine ao, vaho nisy mpanjaka bevata niavy nisary izay vaho nagnore pilasy fanganiha bevata tagnila izay eo.
[15]Vaho nisy tsy mana raike, lahilahy hendre hisake tamy tana ay ao, nagnavotse itana ay tamity tsy fagnahine.
Nefa tafara atoy, le tsy nisy nahatiaro ilahilahy tsy manay sasy.[16]Kea ho borieko amity tihoeke: "Soa kea ty
fahendrea naho ty hamafe, nefa tsy nasia dikane ifahendrea indaty tsy manay, vaho tsy re tsarane reo. "[17]Ty tsara
maleme ty hendre le rey soa kea naho ty fiero ze mpandily amity gege eo. [18]Ty fahendrea le soa kea naho fiasam-
pialia amity aly reo, kanefa ty mpadiso raike le mete handroba ty soa maro.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Manahake faten-daletse maimbo ty zaka magnitse, le manahake izay kea ty hahafaha ty hagegea kele mandrese
fahendrea naho ty fagnekea. [2]Ty fo ty ndaty tsy magnahy le mivio miankavana, fa ty fo ty gege mivio miankavia.
[3]Lahafa mandeha mizotso an-dala egne ty gege, le tsy vory sae zay, magnamare amity ndaty iaby fa gege re.[4]Laha
miboake mandietse anao ty fiova gnarofo ty mpandily, ko magnega ty asagnao. Ty fitofa le mampijano ty siake
bevata.[5]Fa misy ty raty ze hisako tambane masoandro eo, karaza nkadisoa bakamity mpandily: [6]Gege reo le
namea pilasy mpitarita, laha ndaty soa reo namea pilasy ambane. [7]Nahisake gadra nitiki-tsovaly raho, vaho ndaty
soa reo nandeha tomboke tamity tane manahake ty gadra.[8]Ze mihaly lavake iaby le mete hitonta amy gny zay ao,
vaho ndre ombia ndre ombia misy ndaty mandrobake lakoro le mete ho tifare ty bibilava re. [9]Ze manampake
vato iaby le mete hara gnizay, vaho ty ndaty ze manampake hetae le vere gnizay re.[10]Laha domo ty lela ty vy, vaho
ty ndaty tsy mandragnitse izay, le tsy maintsy mampiasa ty herene iaby re, fa ty fahendrea le nagnomey tombone
ho amity hasoa. [11]Laha maneketse aloha ty nagnasia aoly ty bibilava,le tsy misy tombone ty ahy ty mpanao aoly.
[12]Tsara ty vava ty ndaty hendre reo le hasoa fagnahy, fa ty songy ty gege le mitele gnaze avao.[13]Manahake ty tsara
mikorake ambava ty gege eo, ro hiboaha ty hagegea, vaho amity farane ty vavane le hikorake hagegea. [14]Ty gege
Mampitombo tsara, fa tsy mahay ze ho avy. Ia ty mahay izay tamy baka afara ao reo?[15]Ty fitofa ty gege le
magnavesatse iereo, ka tsy haine aby ndra le ty lala mba ntana bevata mbeo aza.[16]Loza ho anao, nao tane, laha
tovolahy ty mpanjaka gnao, vaho laha manomboke fale amity maraindray mpitarike anao reo! [17]Fa sambatse
riha, nao tane, laha ty anake lahy gny sahaza nkasy reo ro mpanjakagnao, vaho mihina amity androne mpitarike
anao reo, ho mafe, fa tsy ho amity hamamo![18]Fa naho ty hakamoa ty mampipoke ty tafo, vaho naho ty falay ty
tagna ro mapitete ty tragno. [19]Magnoma hane ty amity fifehea ty ndaty, ty divae minday fankafiza fiagna, vaho ty
vola mameno ty filan-jaka iaby.[20]Ko magnozo ty mpanjaka, ndra le an-tsae nao ao aza, vaho ko magnozo ty ndaty
manan-kanagna amity efetse fandreanao ao. Fa ty voro ty lagnitse mete handay tsaragnao reo; ze iaby mana
gnelatse le afake magnaparitake ty raraha.

Chapter 11

[1]Alefso ambone ty rano egne ty mofognao, fa ho hisagnao ndraike lahafa afarafara agne. [2]Zarao amity ndaty fito
zay, ndra le ndaty valo aza, fa tsy hainareo ze hiavia loza reo amity tane. [3]Laha feno rano gnora raho reo, le
magnafake izay amity tane egne rey, vaho laha mitonta mbatimo mbeo ty hetae raike na mba avaratse mbeo,
ndra ia ndra ia hitonta gnizay, le eo ty hitoboha gnizay.[4]Mete tsy hambole ty ndaty magnete ty tioke, vaho mete
tsy hahavokatse ty ndaty magnete raho reo. [5]Manahake anao ndra ty lala ty tioke tsy haenao, ndra ty nitomboa ty
taola ty kolo tantso ty vesatse ao, manahake izay kea riha tsy mahatakatse ty asa Nagnahare, ze namoro ty zaka
iaby.[6]Amboleo amity maraindray voagnao reo; zisikamity hariva, miasa amy tagnanao reo amy ze ila, fa tsy
hainao vasa hagnamby, ndra maraindray ndra hariva, ndra intoy ndre iroy, ndra sambe ho soa iaby ie roe.
[7]Mamy vatane ty mazava, vaho zaka soa amity maso ty mahisake ty masoandro. [8]Laha misy ndaty miay antaone
maro, ao re hofale amy iaby regne, nefa ao re handineke ty mikasike andro ty ieke ho avy reo, fa ho maro regne.
Ty zaka iaby hiseho le setroke manjavo.[9]Mifalea, nareo somonjara, amity hakoloanareo, vaho ao ty fognao ho fale
amity andro ty hatanoragnao. Magnoriha ty fagniria soa ty fognao, naho ze iaby amity hisa ty masognao. Kanefa,
fantaro fa Zagnahare hinday anao amity fitsara ty amy zaka iaby reo eo. [10]Halaviro ty fognao ty siake, vaho ko
midare ty ntaintay amity vatagnao eo, satria ty hatanora naho ty herene le zaka foa.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 12

[1]Tadidio avao kea ty Mpahare anao amity andro ty hajaja, aloha ty hiavia ty andro sarotse, vaho aloha ty hiavia ty
tao ze hivolagnanareo tihoe: "tsy magnomey hato hoe iereo raho," [2]anovo zay amy ie mboe tsy hizare ieke ty
hazava ty masoandro naho ty vola ao vaho kinta reo, vaho amy ie mboe tsy mihere ty raho mainte afara ty orao.
[3]Amy ze andro zay le matahotse ty mpiambe ty lapa, naho mangonotse ty lahilahy mafe, vaho mitofa ty ampela
mandisa satria kele iereo, vaho reo ze mitangirike andafonety eo le tsy mahisake soa sasy.[4]Amy ze andro zay le
mihily ty lalambey amity lala egne, vaho mijano ty feo ty fikosoham-bare, ho taire ty feom-boro ty lahilahy, vaho
maleme ty antsa ty feo ty somonjara.[5]Amy ze andro zay le manomboke matahotse ty haabo naho loza andala
egne reo ty lahilahy, vaho mitiry ty hetae amygdala, naho miharo tarike valala reo, vaho tsy mandaitse ty fagniria
sata Nagnahare. Mandeha amity tragnone agne zisikagne ty lahilahy mizotso an-dalambey mpandala reo.[6]Tadidio
ty Mpihare anao aloha ty hitampaha ty kofehe volafoty, ndra hamaky ty finga volamena, ndra hahapotepoteke ty
vovo amity lohantao, ndra hanampake ty kolian-drano amity lava drano eo, [7]amy ie mboe tsy mihere amity tane
ze niavia ty lemboke eo, vaho ty fagnahy mihere amy Nagnahare nagnomey izay.[8]"Ty setro ty zavo," hoe ty
Mpitoriteny: "zaka foa le zaka foa ty zaka iaby." [9]Ty Mpitoriteny le hendre vaho nagnanatse hilala ty ndaty re.
Nianatse naho nandineke vaho nandamy ohabola maro re.[10]Ty Mpitoriteny le nialy ty hanoratse fampiasa
mazava soa, tsara mahity ty mare. [11]Tsara ty ndaty hendre reo le manahake ty piqira. Manahake fantsoby soa
lenteke tsara I Tompo reo amity famoria n'ohabola gniereo, nagnanara ty mpiarake agnodry raike.[12]Anake,
mahay zaka maro vatane: ty fagnamboara boky maro, tsy misy farane vaho ty fagnanara bevata le minday
hareraha ho ahy ty vata.[13]Fa rey ty fara ty raraha afara ty zaka iaby, le tsy maintsy matahotse a Nagnahare riha
vaho miambe liline reo, fa izay ty asa ty ondaty iaby. [14]Fa Zagnahare hinday ty asa iaby ho amity fitsara,
zisikamity zaka miviny iaby, ndra soa zay ndre raty.

# Song of Solomon

## Chapter 1

[1]Ty togno n'antsa oantsa reo, ze ahy Solomona. Iaze jampela mivola amy iaze teaney, [2]ao mba hagnoroke ahy
amity oro ty vavagnao riha, satria soa vatane naho ty divae ty fiteanao. [3]Ty menake fihosognao le mamofo; ty
agnaranao le manahake ty ranomagnitse vitaily, kea tea oampela reo riha. [4]Indeso miarake aminao raho, vaho
hilay tika. Iaze ampela mivola amity vatane fa nindese ty mpanjaka tagnefe tragnone ao raho. Iaze jampela
mivola amity vatane tihoe fale raho; fale ty mikasike anao raho; ao raho hankalaza ty fiteanao; soa vatane naho
ty divae zay. Voajagnahare amy ampela hafa reo ty mitea anao. Iaze ampela mivola amy ampela hafa reo.
[5]Mivalomainte raho fa mampilelamiotse, inareo anak'ampela lahilahy Jerosalema reo-mivalomainte manahake ty
tragno Kedera, mampilelamiotse manahake siky Solomona reo. [6]Ko midare ahy fa mivalomainte raho, satria tsa
ty masoandro. Meloke tamiko anake lahy ndroeneko reo; nanoe gniereo mpiambe ty tanen-boaloboke raho, nefa
ty tanen-boaloboke tsy mba nambenako. Iaze ampela mivola amity teaney.[7]Volagno amiko, nao gea mamiko, aia
ty hagnomeanao hane ho ahy agnodry aman'ose gnao reo? Aia ty hampandreanao agnodry aman'ose reo lahafa
mangaraantignana? Nanao akore raho ro tokone hanahake ty ndaty ze miriorio agnila ty agnodry aman'ose ty
ragnenao? Mamale aze imaminey.[8]Laha tsy hainao, nao gea iriha soa tarehe vatane amy ampela reo, le oriho ty
lala ty agnodry aman'ose, vaho fahano agnila tragno mpiarake agnodry reo eo ty anan'aose.[9]Ampitovizeko amity
sovaly vave amy sovaly mpitarike reo eo ty kalese ndre farao riha, nao gea mamiko. [10]Mahasoa ty tarehenao
ravake reo, ty vozognao amy rojo mitohy reo. [11]Hagnamboarako rojo volamena misy kitrone riha. Iaze ampela
mivola amity vataney.[12]Laha mboe niroro tampandreane eo ty mpanjaka,le namofo ty nardako. [13]Amiko ty teako
le manahake ty miora ampeheza ze mandany amity hale agnoloako eo. [14]Amiko ty teako le manahake ty voa ty
kofera an-tane boalobo gn'En-jedy eo. Iaze teaney mivola amine.[15]Ingo, soa tarehe vatane riha, nao teako, ingo,
soa tarehe vatane riha; manahake ty voromahilala ty masognao. Iampelay mivola amy iaze teaney.[16]Ingo, soa
tarehe vatane riha, nao mamiko, vatane soa tarehe. Ty zaka mitiry maintso mavana le atao fandreantika. [17]Ty
ambe ty tragno tika le sampan-keate sedera, vaho sampan-keseke sakamandimbe ty tragnotika.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Iraho le folera amity tane maleme egne avao, lilie amity baibo egne avao raho. Iaze lahilahy le mivola amine
[2]Manahake ty lilie amy fatike reo eo, le manahake izay riha, nao mamiko, amy anak'ampela ndaty reo eo ty
tagnako.Iaze ampelay le mivola amity vatane.[3]Manahake ty hetae paiso ze amy hetae ty ala eo, le manahake izay
kea ty ndatiko amy pamaraky reo eo. Mitoboke ambane ty alone amity hafaleam-bevata raho, vaho ty voane le
mamy am-bavako ao. [4]Minday ahy amity tragno agne amity fete bey re, vaho ty tsarane amiko le fitea. Iaze
ampelay le mivola amy teaney.[5]Velomo amity mofomamy misy voaloboke raho vaho velomo amity paiso, fa
mararen-pitea. Iaze ampelay le mivola amity vatane. [6]Ty tagnane havia le ambane ty lohako eo, vaho ty tagnane
havana le mamiketse ahy. Iaze ampelay le mivola amity ampela hafa.[7]Teako mba hampagnategna anareo, nao
anak'ampela Jerosalema, amy gazela naho serfa vave reo an-baibo agne, fa inareo le tsy handily ty fiaraha laha
tsy tampetse zay. Iaze ampelay le mivola amity vatane.[8]Henhe gea ty feo iaze teako! Henhe, inge tamy igne re,
mandinga vohitse reo, misoty amy haboa reo. [9]Iaze teakoy le manahake ty gazela na diera mboe anane; ingo; re le
mitsanga ambaly ty lalagnay ao, mitangirike andafonety eo, miboake amity makarakara eo.[10]Mivola amiko iaze
teakoy manao tihoeke: "Mitsangana, nao teako; nao gea mamiko, ndao hiarake amiko. [11]Ingo, fa lasa ty nintsy; fa
nijano ty ora vaho fa lasa.[12]Fa mitiry amity tane folera reo; fa avy ty fotoa fandratsa naho ty sio voro reo, vaho ty
feo voromahilala reo le re amity tanentika etoy. [13]Mahamasake ty aviavy maintsone hetae aviavy reo, vaho
mamony voaloboke; magnakatse ty hagnine iereo. Mitsangana, nao teako, nao gea soa tarehako, vaho ndao.[14]Nao
voromahilalako, agnivoa ty vatobey eo, agnivoa eo miviny vohitse haranbato reo, le engaho hahisake ty
tarehenao raho. Engaho haharey ty feognao raho, fa maleme ty feognao, vaho vatane le soasoa ty endregnao."
Iaze ampelay le mivola amity vatane.[15]Samboro ho antika ty amboaly, le amboaly reo mboe kede reo ze
mamoteke tanen-boalobontika reo, satria mamoa voalobotika reo.[16]Ahy ty mamiko, vaho aze raho; mihina amy
lilie reo egne aman-kafalea re. Iampelay le mivola amy teaney [17]Mandehana, mamiko, aloha ty tioke maleme
mitioke amity mangaratignana naho aloke mandalo reo. Mandehana, ao hanahake ty gazela na diera mboe
anane amy vohitse mikitoantoa reo eo riha.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 3

[1]Amity hale ampandreako eo le nagniry iaze raike teakoy raho; nila aze raho, nefa tsy hisako re. [2]Hoe raho tamity
vatako tihoe: "Hitsanga raho vaho hindeha amity tana agne, amy lala reo naho kianja reo; hila ty mamiko raho.
"Nila aze raho, nefa tsy nahisake aze.[3]Hisa gnireo mpiambe reo raho laha nihodidy ty tana gniereo. Nagnotane
iereo raho tihoe: "Hisagnareo vao ty mamiko?" [4]Afake kelekele tafara ty nandriognako tamy gniereo eo ro
nahisahako iaze raike ze tea ty fagnahikoy. Nitanjake aze raho vaho tsy nagnega aze hindeha zisimpindaisako aze
antragno ndroeneko agne, amity efetragno fandrea iaze raike ze nisamake ahy i. Iaze ampela mivola amy ampela
hafa reoy.[5]Teako hifanta nareo, nareo anak'ampela ty lahilahy Jerosalema, amy gazela reo naho voka baibo reo,
mba tsy ho tampahegnareo ty fiaraha mandregnay laha tsy vita zay. Iampelay mivola amity vatane.[6]Ino miboake
bakamity tane efetse manahake ty setroke regne, magnitse miora naho linten-ketae magnitse, miarake amy
lemboke reo iaby avily mpivarotse reo regne? [7]Ingo, fandrea ndre Soloma zay; mpialy enempolo ro magnodidy
izay; le miaramila enempolo gn'Israely reo.[8]Manan-talenta amity mesobey iereo vaho mahay mialy. Mana ty
mesone ambalahane eo iaby ty ndaty iaby, mitam-pialia handietse ty fampitahora ty hale. [9]Nanao seza fibata vita
tamity hetae bakagne Libanona ho aze ty Solomona mpanjaka.[10]Ty tsangatsanga gnizay le vita tamity volafoty; ty
lambosine le vita tamity volamena, vaho ty fitobohane tamity siky volomparasy. Ty tagnatene ao le nihamine
gnireo anak'ampela gnireo lahilahy Jerosalema tam-piteava. Iaze jampela mivola amy reo ampela gny Jerosalema
[11]Miboaha, nareo anak'ampela gnireo lahilahy Ziona, vaho mandineha andre Solomona mpanjaka, Minday ty
satron-kasy ze nampisatrohane ty renene aze tamity andro ty fanambalia, tamo androm-pifalea ty fiagnane eo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 4

[1]Houhouke, soa tarehe vatane riha, mamiko; soa tarehe riha. Ty masognao le voromahilala ambaly ty voalignao
ao. Ty volognao le manahake ty aose mizotso baka an-bohy Gileada egne.[2]Ty nifegnao le manahake ty agnodry
vaho hinaratse, miboake bakamity pilasy fiandroa. Sambe Kamba iaby reo, vaho tsy misy banga.[3]Ty sogninao le
manahake ty kofehe jaky; mahate ho tea ty vavagnao. Manahake ty hasin'ampongabendagnitse ty fifignao
ambalike ty voalignao ao.[4]Ty vozognao le manahake ty tilikambo ndre Davida vita ore amity filaharambato egne,
miarake amity ampinga arivo mihanto amignizay eo, le ty ampinga miaramila iaby reo. [5]Ty nonognao roe le
manahake ty diera roe, gazela kamba, miraoke amy lilie reo egne.[6]Mandrapiavia ty mangaratignana kea milay
lavitse ty aloke, le handeha ho ambohitsagne ty miora naho amity haboa ty lintenketae mamofo agne raho. [7]Soa
tarehe amity lafine iaby riha, nao mamiko vaho tsy misy takaitse aminao.[8]Miaraha amiko bakagne Libanona,
vaho iaze ampakarekoy. Miaraha amiko bakagne Libanona; miavia bakagne an-tampo Amana, bakagne Senira
naho Hermona, bakagne an-davake ty liona, bakagne amity vohitse lavake ty leoparda.[9]Lasagnao ty foko, nao
longoko, nao gea ampakareko; lasagnao ty foko, tamity hente indraike avao tamiko atoy, tamity firojo raike avao
tamity vozognao eo.[10]Henhe ty hasoa ty fiteanao, nao longoko, nao gea ampakareko! Henhe ty hasoa ty fiteanao
mihoatse ty divae, naho ty hagny ty ranomagninao mihoatse naho ze zaka magnitse iaby. [11]Ty sogninao, nao
mamike, le mikororoke tantele; tantele naho ronono ro ambane ty lelagnao ao; ty hagny ty sikinao le manahake
ty hagny Libanona.[12]Nao longoke, baibo vita hily iaze mamikoy, vatane baibo vita hily, loharano voatombo kase.
[13]Ty ravegnao le ala kelen'ampongabendagnitse misy voane voatingy, vaho moina naho narda, [14]Narda naho
safrona, veromagnitse naho kanele miarake amy karaza hagnitse iaby, le miora naho havozo reketse reo zaka
magnitse soa vatane iaby reo.[15]Baibo doharano riha, fantsanka drano malio, rian-drano mikoriake bakagne
Libanona. Iampelay mivola amity teane tihoe: [16]Mifohaza, nao tioke vaho avaratse agne; avia, nareo tioke baka
amtimo agne; tiofo ty baiboko mba hagnele ty hagny ty fofone magnitse. Lonike ho avy amity baibone ao ty
mamiko kea hihina ty ilane amity voanketae voatingy.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 5

[1]Niavy tambaiboko raho, nao longoke, nao gea mamike; fa namory ty miorako reketse ty zaka magniko raho. Fa
nihina ty tohon-tanteleko raho; fa nino ty divaeko reketse ty rononoko raho. Hoe ragnetse reo mivola amy
mamike Mihinana; nao ragnetse, minoma vaho ao ho mamo ty fitea. Hoe iaze ampelay mivola amity vatane.
[2]Niroro raho, nefa ty foko le nifoha tagnate nofy ao. Henhe ty feo mamiko magnoko vaho manao tihoe: "Vohao
raho, nao longoko, nao mamiko, nao voromahilalako, nao malioko, fa litsake ty zavo ty lohako, feno zavo ty hale
ty voloko."[3]"Fa nagnafake ty sikiko lava raho; le tsy maitsy hanao zay ndraike vao? Fa sinasako ty tomboko; le tsy
maintsy ho lotoeko vao? [4]Nampilitse ty tagnane tamity lala ty hilim-ndala ty mamiko, vaho nitsinginifotse ty foko.
[5]Niare raho hamohako ty lala ho ahy mamiko; nitsororoke ty miora ty tagnako, nisy ranona miora ty rambon-
tagnako, tamity fampiboahan-dala.[6]Nanokake ty lala ho ahy mamiko raho, nefa nivio ty mamiko vaho nideha.
Feno ty arofoko; nanjare kivy raho. Nila aze raho, nefa tsy hisako re; nikaike aze raho, nefa tsy namale re.
[7]Mpiambe ze nandeha tamity tana nahisaha ahy reo ; vinango gniereo raho vaho finerene; mpiambe tegne amity
lakoro reo nagnafake ty sikiko. Hoe iampelay nivola tamy ampela tan-tana ao reo[8]Teako hampagnatena nareo,
nareo anak'ampela Jerosalema, fa laha hisagnareo ty mamiko, le volagno amine fa marare naho ty fiteako aze
raho. Hoe ampela tan-tana ao reo nivola tamy iampelay.[9]Manao akore ty maminao ro soa mihoatse ty mamy ty
hafa, iriha ze soa tarehe amy ompelao eo? Nanao akore ty maminao ro soa naho ty mamy ty hafa, ro le
mangatake anay hanao fiagna manahake izao riha? Hoe iampelay nivola tamy oampela ty tana reo[10]Ty mamiko le
mangelatse sady mena, manan-paharoe amy agnalene reo. [11]Ty lohane le volamena soa vatane; ty volone le olioly
sady mainte manahake ty goaika.[12]Ty masone le manahake ty voromahilala mariketse ty rian-drano, sinasa
tamity ronono, napitepiteke manahake ravake.[13]Fifine reo le manahake ty fanjean-jaka magnitse, magnakatse
hagnitse magnefoefo. Ty sognine le lilie, mintente miora.[14]Sandrine reo le feno volamena natao ravake, ty tsone le
ivory le feno safira.[15]Tombone reo le ambe vita marba, avy amity volamena tsy milaro; ty endrene le manahake
ani Libanona, tsiririe manahake ty sedera.[16]Ty vavane le mamy vatane; le mamono fiay zisikagne re. Izay ty
mamiko, vaho izay ty ragnetso, nao anak'ampela Jerosalema.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

[1]Nimbaia ty maminao, nao gea soa tarehe vatane amity ampela? Nimbaia ty maminao, mba hila nay aze miarake
aminao? Mivola amity vatane iampelay.[2]Ty mamiko le fa nizotso nimbamity baibo ne, ho agne amity kitselen-jaka
magnitse, handraoke amity baibo egne naho hibongo lilie reo. [3]Ahy mamiko raho, vaho ahy ty mamiko;
handraoke amy lilie nkafalea eo re. Iaze tea iampelay mivola amine.[4]Soa tarehe manahake ty Tirza riha, nao
teako, mampilelamiotse manahake Jerosalema, mampisy here manahake ty miaramila miarake amity fagnevane.
[5]Avilio amiko ty masognao, fa manakoke reo. Ty volognao le manahake ty aose mizotse bakegne amy ntsaintsay ty
vohitse Gileada egne.[6]Ty nifegnao le manahake ty andian'agnodry vave miboake bakamity pilasy fisasane. Sambe
mana ty kamba amine ty kiraidraike, vaho tsy nisy banga reo. [7]Fifinao reo le manahake ty
hasin'ampongabendagnitse ambaly ty voalignao ao. Iaze tea iampelay mivola amity vatane.[8]Misy mpanjaka vave
enempolo, valintsindrano valompolo, vaho somonjara tsy hay isafe. [9]Nao gea voromahilalako,nao malioko,iaze
tokakoy; ire le vave tokan-droenegne; ire ro tena tea iampela ze nisamake azey; anak'ampela ty ndaty ty tagnako
reo laha nahisake aze le nikaike aze ho sambatse; mpanjakavave reo naho valintsindrano avao kea le nahisake,
kea nirenge aze; Izao ro tsarae ty mpasnjakavave naho ty valintsindrano[10]"Ia moa o miseho manahake ty
mangaratignanao,soa tarehe manahake ty vola, mamirapiratse manahake ty masoandro, mampisy santimant
manahake ty miaramila miarake amity fagnevane?" Iaze tea iampelay mivola amity vatane[11]Nizotso tegne amy
ala kede misy hetaen-baza reo raho mba hagneteako ty tiry vaovao andohan-baibo egne, mba hagneteako laha
nitimoke voaloboke reo, vaho laha fa nitiry ty ampongabedagnitse. [12]Vatane fale raho ka nahatsapa manahake ty
nitikitse kalese ty roandriandahy. Ty tea iampelay mivola amine[13]Miheregna, miheregna, iriha ampela soa
vatane, miheregna, miheregna, hahaizako mandineke anao. Iaze ampelay mivola amy teaney Nanao akore riha
ro mandineke ahy, iampelay soa vataney, manahake ty matsinjake agnivoa ty mpandihy roe an-dala eo raho?

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 7

[1]Henhe ty hasoa ty tombognao amity kapagnao , nao anak'ampela ndroandria! Manahake ty ravake ty amboan-
pegnao, asa tagna ty mpanao asa tagna mahay.[2]Ty fotragnaole manahake ty tomaboha boribory; tsy ho osa divae
voaaro zay. Ty tsognao le manahake ty vare tritika vita vory voahodike lilia.[3]Nonognao ao roe reo le manahake ty
ana serfa roa, gazela kamba. [4]Ty vozognao lemanahake ty tilikambo ivory; ty masognao le manahake ty kamory a
Hesbona agne ambavahady Bata Rabimaeo. Ty orognao le manahake ty tilikambo a Libanona agne ze mitolike
mba Damaskosy mbeo.[5]Ty lohagnao le manahake ani Karmela; ty volondohagnao le volomparasy matroke. Ndevo
ty randra gnizay ty mpanjaka.[6]Henhe ty hasoa tarehe sady soa riha, nao gea mamiko, mamimamy gea riha![7]Ty
tsangagnao le manahake ty ahy ty palma, vaho nonognao lemanahake ty tsampa- nketae. [8]nandineke raho tihoe:
"Te hanganike ze palama zay raho; hintanjake mafe ravane reo." Ao nonognao reo hanahake tsampan-boaloboke
reo, vaho ao ty hagny ty orognao hanahake ty paiso.[9]Ao ty vavagnao hanahake ty divae soa vatane, mindeha
moramora amy mamiko, misosa amity sogninao eo naho ty nifentika. Iaze somomjara mivola amity ndaty
teane[10]Ahy mamiko raho, vaho magniry ahy re. [11]Avia, nao mamike, ndao tika hiarake ho ambanevolo agne;ndao
tika hiroro amy vohitse reo agne.[12]Ndao tika hifaha maraindray ho antanem-boaloboke agne; ndao ho henteatika
laha mitimoke voaloboke reo, laha mivoha voane reo, vaho laha mamoa ampongabendagnitse reo. Agne ty
hagnomezako anao ty fiteako.[13]Magnitse rie zeo mandravasarotse zao; an-dala eo ze hitobohatika ty karazan-
ketae voatingy iaby, ty vao naho ty ela, ze fa naviniko ho anao, mamiko.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 8

[1]Irieko mba hanahake ty anadahiko, ze ninono tamity nonon droeneko riha. Vaho ndre ia ndre ia hahisahako
anao ambalike agne, le afake magnoroke anao raho, vaho tsy hisy ndaty hanao tsisy dikane ahy.[2]Ho tariteko vaho
hindeseko antragno ty roeneko agne riha, vaho le hanaregnao raho. Hameako divae miharo zaka magnitse
hinome naho antsasane amity rano ty ampongabendagnitse riha. Nivola tamity vatane iampelay [3]Ty vatane havia
tambane lohako ao vaho ty tagnane havana mamihy ahy. Nivola tamity ampela hafa iampelay[4]Teako hifanta
nareo, nao anak'ampela ty ndaty Jerosalema, fa tsy handily ty fiaraha mandregnay nareo zisipitaperane. Ampela
Jerosalema reo nivola[5]Ia ty mahsaky magnato baka agnefetse agne toy,mianky amity teane toy? Nivola tamy
teaney iampelay namoha anao tambane hetae paiso eo raho; tamity nanorotoroa ty renegnaoa anao; tamity
nismahane anao, namoahane anao.[6]Anovo manahake ty tombokase am-pognao ao raho, manahake ty tombo-
kase ambatagnao egne, fa mafe manahake ty fate ty fiteava. Ty firehe ty hasarotan-piaro le tsy mamela mahazo
manahake ty fiagna tsy hisake; magnoro ty lelam-pone, lelanafo mirebareba zay, lelagnafo may naho ty afo hafa
iaby.[7]Rano magnoja reo tsy mahafate ty afo ty fiteava, na tondra drano tsy mahafoake aze. Laha misy ndaty
magnomey ty fanagnane iaby an-tragnone ao havily fiteava, le tsisy dikane vatane zay. Anadahy iampelay reo
mifampiresake[8]Mana zay ampela zahay, vaho tsy mboe mamoty nono re. Ino ro azognay ataoho ahy ty
anabavegnay amy ze andro hagnomeza aze ho amity fanambalia?[9]Laha mandietse re,le hagnamboaragnay
tilikambo vita amity volafoty tamine eo. Laha lala re, le hohaminegnay amity hetae sedera pisake. Nivola tamity
vatane iampelay[10]Mandietse raho, fa amizao nonoko reo le manahake tilikambo fiaro mafe reo; kea levatane fa
matoe raho amasone eo. Nivola tamity vatane iampelay[11]Nana tanen-boaloboke ta Bala-hamona ao ty Solomona.
Nahofane tamy reoze te hikarakara izay itane mboalobokey. Ty kiraidraike le tsy maintsy minday sekely volafoty
arivo ho solo ty vokatse. [12]Ahy vatane ty tanem-boaloboko; ty sekele arivo le anao, nao Solomona mamiko, vaho ty
sekele roanjato ho any ze mikarakara izay mba hahazoa vokatse. Iaze mamy nampelay nivola tamine[13]Iriha ze
mitoboke an-davaranga eo, ragnetso reo le nijajy ty feognao; engaho raho mba ho iaze raike ze haharey izay kea.
Nivola tamity teane iampelay[14]Malaky, nao mamiko, vaho ao hanahake ty gazela na ty diera anane am-bohitsegne
zaka magnitse reo riha.

# Isaiah

Chapter 1

[1]Ty fahisaha Isaia ana i Amosa, ze hisane nahakasike i Joda vaho Jerosalema, tamity andro Ozia, Jotama, Ahaza,
naho i Hezekia, mpanjaka i Joda.[2]Mdranjigna, ry lagnitre, naho manongilagna sofy, ry tane; fa le nirehake Yaveh
hoe:" Le namaha vaho niteza ty kolo raho, nefa navande tamiko iereo. [3]Ty agnombe mahay ty tompone, naho ty
borike mahay ty zaka famahana ty tompone aze, kanefa tsy hay ty Israely, tsy takatry ty Israely.[4]Loza! Ry firene,
mpanonta, vahoake mavesan-keloke, foko mpanao raty, anadahy mpanao meloke! Le fa nahafoe Yaveh iereo, le
fa nanao tsinontsino ty Masy Israely iereo, le fa nagnemotre ty vata iereo tamiereo.[5]Nagnino nareo ro mboe
voafofoke? Nagnino nareo ro miraike zisikagne? Marare ty loha iaby, osa vatane ty arofo. [6]Tsy misy faritre tsy
fere zisikamity tomboke ka hatragne amity loha; fere, naho manga vaho fere vao kea; mboe tsy voatoka, voalio,
na finehe, na tsinabo tamity diloilo kea reigne.[7]Laha ty firenenareo, may reo tananareo; reo baibonareo_eo amity
fiatrehanareo, ro hamoteha ty ndaty hafa firene reo_foa naho rava, rinava reo ndaty hafa firene. [8]Ty anakampela
Ziona le nenga manahake ty tragno boka egne antanem-boaloboke, manahake ty fandrea egne amity baibo
kaokaombira, hoe ty tana natao faherano.[9]Laha tsy nagnenga sisa kele tamintika Yaveh Tompo ty maro, le fa
manahake i Sodoma tika manahake zay, le fa nitovy tamy Gomora tika manahake zay.[10]Midranjigna ty safa Yaveh,
nareo ry mpandily Sodoma; midranjigna ty lalan'Agnahare, nareo ry vahaoke Gomora hoe: [11]"Ino ty hamaroa ty
soronareo hoahy?" hoe Yaveh." Le fa mamo ty agnondrilahy atao fagnatetre oroa raho, naho ty sabora ty biby
mifehe; ka tsy teako ty lio ty agnombelahy, anakagnondry, na ose.[12]Laha fa avy hiaboake eto agnoloako nareo, ia
ro nangatake ze taminareo, mba handia ty kianjako? [13]Ko minday fagnatem-poa sase; zaka-raty ty liten-ketae
magnitre amiko, ty vola vaovao naho ty mesom-piangona_tsy afake ty handefetre amirey fiangonan-draty rey
Raho.[14]Hejeko reo vola vaovaonareo naho reo hafalea voatondronareo, enta-mavasatre ho ahy reigne; rerake
amity fiareta reigne raho. [15]Ka te laha fa mamelatre ty tagnanareo amity vavake nareo, le magnaja ty masoko tsy
hoaminareo raho; na le manolotre vavake maro aza nareo, le tsy hidranjy raho; feno lio ty tagnanareo.[16]Sasao,
liovo ty vatanareo, afaho tsy ho eo amasoko ty haratia reo asanareo; mitofa amity haratia; [17]mianara manao ty
soa; mipaia ty rarene, ahitio ty fampijalea, magnomea rarene ho ahy reo bode, arovo ty mijale.[18]"Avia, naho,


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

indao tika hiara-handineke," hoe Yaveh;" Na le manahake ty jaky aza ty hadisoanareo, le ho foty manahake ty
oram-panala reigne, na le mena manahake ty sily aza reigne, le hanahake ty volon'agnondry foty.[19]Laha
magnenke vaho mete nareo, le hihina ty soa bakamity tane, [20]fa laha milietre vaho miraike nareo, le ho ravae ty
meso," fa ty vava Yaveh ro mirehake zay.[21]Nefa, lasa janga ty tana matoky! Re ty feno rarene_Re ty feno hamarea,
fa amizao kea re feno mpamono ndaty. [22]Niova ho tain-drenzeke ty volafotinareo, miharo rano ty divainareo.[23]Reo
roandrianareo le mpavande naho nama ty mpandrebake; tea vandevande iaby naho team-pimpay ambonene.
Tsy miaro ty bode iereo, na ty taray amity lalane ty mijale ze avy eo agnoloa iereo.[24]Laha zao le ezao ro talily
Yaveh Tompo ty maro, ty Mahere Ysraely hoe:" Loza ho ahy iereo! Hanao valefate ho ahy reo mpifanao amiko
raho, naho hamalefate reo fahavaloko raho; [25]hampimpoly ty tagnako aminareo Raho, hagnalio ty tain-
drenzenareo manahake ty amity karbonetra raho, naho hagnafake ty tain-drenzeke iaby aminareo.[26]Hagnampoly
amity lalane reo mpitsaranareo hoe ty tamity voalohane Raho, naho reo mpagnomea-hevenareo hoe ty tamity
vaho voalohane; tafara zay nareo le hatao ty hoe tana ty hamarea, tana matoky.[27]Ho voavonje amity lio rarene ty
Ziona, naho reo mpibebane amity hamarea. [28]Hiarake ho torotoro ty mpavande vaho ty mpanonta, naho reo
nahafoe Yaveh le ho tampetre ty amine.[29]"Fa ho afa-baraka nareo amireo hetae terebinta masy ze nirienareo
mafe, naho ho megnatre nareo amireo baibo ze le fa finilinareo. [30]Fa hanahake ty hetae terebinta raike ze
mihintsan-drave nareo, naho manahake ty baibo ty tsy misy rano.[31]Ty lahilahy mahere le hanahake ty vohavoha,
naho ty asane manahake ty pitek'afo; hiara-may ie roe reo, naho tsy misy hamono ty afo iereo.

## Chapter 2

[1]Reo zaka hisa Isaia ana i Amoza tao agnatene, mikasike i Joda vaho Jerosalema. [2]Amity andro farane ro
hagnoregna vohitse ty tragno Yaveh ho vohitse agnabo vatane, naho hitsanga eo ambone ty tazoa, naho reo
firene iaby hombaeo amizay.[3]Nadty maro ro hoavy vaho hirehake ty hoe:" Avia, hindeha tika hiakatre egne
ambohitse Yaveh, agne antragnon'Agnahare Jakoba, mba hahafahane magnanatre ty ilane amireo lalane
amintika, naho mba hindenantika amity lalane." Fa ty lala le hiakatre bakao Ziona, naho ty safa Yaveh bakagne
Jerosalema.[4]Hitsara eo amireo firene Re naho hagnomea fanam-pahan-kevetre hoahy reo ndaty maro hoe;
hanorotoro ty mesone iereo ho lelam-pangaly, naho ty lefone ho fanam-paham-boaloboke; ty firene tsy
hagnakatre ty mesone handietre firene, na hianatre hoamy ty aly.[5]Ry foko Jakoba, avia, naho ao tika hindeha
amity hazava Yaveh. [6]Fa le fa nienga ty ndatinareo nareo, naho foko Jakoba, satria feno ty fomba ty antignana
iereo vaho mpamaky talily hoe reo Filistina, naho nifandrae tagna tamity ana ty mbahiny iereo.[7]Feno volafoty
vaho volamena ty tane iereo, naho tsy misy farane ty hareane; feno soavale avao kea ty tane iereo, naho tsy misy
farane ty kalesene. [8]Feno sampe avao kea ty tane iereo; manompo ty asa ty tagnane avao, zaka ze natao ty
rambon-tagnane avao iereo.[9]Hihohoke ty vahoake, naho ty ndaty hitonta; laha Zao ko mananga iereo.
[10]Mindehana agne amity toera feno vato naho mihaja amity tane amity horohoro Yaveh vaho amity hasy ty
hafoloaine. [11]Ty hafoloay ty maso ty ndaty le hoambane, naho reo ndaty mirehareha le hoambane, naho Yaveh
arere avao ro hakare amize andro zay.[12]Fa hisy ty andro Yaveh tompo ty maro handietre ty ndaty iaby ze
mirehareha vaho miakatre, naho mandietre ty ndaty iaby ze miavo_naho hoambane re_[13]naho mandietre reo
sedera Libanona iaby ze ambone vaho nakare, naho mandietre reo hetae terebinta Basana iaby.[14]Fa handietre reo
vohitse agnabo iaby ty andro Yaveh Tompo ty maro zay, vaho handietre reo tazoa iaby ze fa nakare, [15]naho
mandietre reo tilikambo agnabo, vaho mandietre reo manda tsy mete rava, [16]naho mandietre reo sambo ty
Tarsisy iaby, vaho mandietre reo sambo soa vatane iaby.[17]Ty herareha ty ndaty le hoambane, naho ty avognavo ty
nadty le ho tonta; Yaveh arere avao ro hakare amize andro zay. [18]Ho rava vatane reo sampe iaby. [19]Hindeha
agnate lava-bato reo ndaty naho ao agnate lavake ty tane, noho ty horohoro Yaveh, vaho noho ty hasy ty
hafoloaine, laha fa mitsanga hagnorohoro ty tane re.[20]Hanorake reo sampe volafoty vaho volamena ty ndaty
amize andro zay ze natao iereo ho tompoe__hanorake reo agne amity valavo vaho ramanavy iereo. [21]Hindeha
agnate lavake eo amity vato ty vahoake naho ampagnivoa ty harambato, noho ty horohoro Yaveh vaho noho ty
hasy ty hafoloaine, laha fa mitsanga hagnorohoro ty tane Re. [22]Ajanogno ty fatokia ty ndaty, ze eo amity vavorone
ty fofognaine, fa ino ro fagnampea zay?

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 3

[1]Ingo, Tompo Yaveh Tompo ty maro le fa hagnafake mpita vaho vatse amy Jerosalema vaho Joda: Le ty fagnomea
mofo iaby, vaho ty fagnomean-drano; [2]ty lahilahy mahere, ty mpialy, ty mpitsara, ty mpaminane, ty mpamaky
talily, ty olobey; [3]ty kapitene ty dimampolo, ty vahoake manan-kaja, ty mpagnomea hevetre, ty mpanao asa-tagna
za-draraha, naho ty Ombiasa malaky.[4]"Ajalahy avao ro hatoboko ho mpitarike iereo, naho reo tanora ro handily
eo amiereo. [5]Hampijale ty vahoake, ty kirai-kiraike ampijale ty hafa, naho ty kirai-kiraike ampijale ty namane; ty
kolo ro hagnararaotre ty Raoke, naho hipay reo sao amity hajae reo nambane.[6]Hangalake ty rahalahine ao
atragnon-draene vatane aza ty ndaty raike ka hirehake ty hoe:' Mana akanjo riha; mimetea ho mpandily anay,
naho ao ze faharava zao ho eo antagnanao.' [7]Amize andro zay le hikorake re ka hanao ty hoe:' Tsy ho mpagnafake
raho; tsy mana-mofo taho na siky. Tsy hanao ahy ho mpandily ty vahoakenao riha."'[8]Fa lavo Jerosalema, naho
nitonta ty Joda, satria mandietre Yaveh ty rehane vaho ty asane, mipay ty maso ty hasine. [9]Ty hente ty tarehene le
vavolombelo mita iereo; naho atalily iereo manahake Sodoma ty hadisoane; tsy mba hahajane zay. Loza hoahy
reo! Fa nanao loza bey ho ahy iereo avao re.[10]Ambarao ty ndaty mare fa tsy hagnino, fa hihina ty vokatre ty asane
iereo. [11]Loza hoahy ty raty fagnahy! Fa ho raty ty hanjo aze, fa ty vale ty asa ty tagnane ro hatao amine. [12]Ry
ndatiko__kolo ro mampijale iereo, naho ampela ro manjaka eo amine. Ry ndatiko, reo ze mitarike anareo le
mamio lala anareo naho mampamorovoro lalan-kombanareo.[13]Mitsangana noho ty fitana Yaveh, mitsanga hita ty
ndaty Re. [14]Hoavy amity fitsara handietre reo olobey ty ndatine vaho reo mpitarine Re hoe:" Namoteke ty tanem-
boaloboke nareo; ao antragnonareo ze voa-rebake bakamity mahantra. [15]Nagnino nareo ro manorotoro ty
ndatiko naho magnosehose ty tarehe ty mahantra?" Zay ro talily Yaveh Tompo ty maro.[16]Zay ro safa Yaveh satria
mirehareha ty anakampela Ziona, mindeha amity loha mian-jagnanja, naho mangareke amity masone,
mitignantinga am-pindeha laha mamindra amity tombone, [17]laha zao le hagnisy arete manakom-pere eo andoha
ty anakampela Ziona ty Tompo, naho hatao Yaveh sola iereo.[18]Amize andro zay le hagnafake reo ravake ty ranjo
soa tarehene, reo fehelohane, reo fihamina sare-vola; [19]reo kavy, reo ravaken-tagna, vaho reo voaly; [20]reo fognon-
doha, reo ravan-kitro, reo santira, vaho reo vata fisia ranomagnitre, naho reo ravake minday vinta Tompo.
[21]Hafahane reo peratre vaho reo kavin'oro; [22]reo akanjo lava fanoa raraha, reo kapoty, reo voaly, reo poketra kele;
[23]reo fitaratre kele, reo aten'akanjo rongone foty malineke, reo hengon-doha, naho reo fanarogna.[24]Faimbo ro ho
solo ty ranomagnitre magnitre; naho taly ro ho solo ty santira; loha sola ro ho solo ty volo soa-ogo; naho lamba
fandala ro ho solo ty akanjo lava; naho tatomboke mahamay ho solo ty hasoa. [25]Ho lavo-meso ty lahilahinareo,
naho ho lavo agnaly reo lahilahy maherenareo. [26]Hitagny ty vavahady Jerosalema ka handala; naho ho arere re
titroboke amity tane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 4

[1]Amize andro zay hisy ampela fito hita lahilahy raike ka hanao ty hoe:" Ty sakafonay avao ro hohanenay, ty
sikinay avao ro hisikinay. Fa ao zahay hangalake ty agnaranao hagnafaha ty hegnanay." [2]Amize andro zay ty
tsempa Yaveh le hosoa vaho bey hasy, naho ty vokatre ty tane le hatsiro vaho hosoa ho ahy reo sisa velo agne
Israely.[3]Fa ze tavela agne Ziona vaho ze sisa tavela agne Jerosalema le hatao ty hoe masy, ty kirai-kiraike ze
voasoratre ho rava agne Jerosalema. [4]Hiseho zay laha fa hanasa ty loto reo anakampela Ziona ty Tompo, naho
hanasa ty lio ze mandoto zisikamity agnivo Jerosalema, amity alala ty fagnahy ty fitsara vaho ty fagnahy ty afo
mirehetre.[5]Naho eo ambone ty fitoboha ty vohitse Ziona iaby vaho eo amity toera ty fiangonane, Yaveh le hamoro
raho vaho deboke amity andro, naho famirapira ty afo mirehetre amity hale; naho ho tako ambone ty hasy iaby
zay. [6]Ho alokaloke fialofa amity hafana zay amity andro, naho ho fialofa vaho ho fiaro amity tafiotre vaho ty ora.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Engao raho hiantsa ho ahy ty malalako soa, hiantsa ty malalako miomba ty tanem-boalobone. Nana tanem-
boaloboke teo amity tazoa vatane lonake ty malalako soa. [2]Nasaene zay, nafindrane reo vato, naho nambole zay
tamity karazam-boaloboke vatane soa re. Nananga tilikambo teo agnivo zay re, naho kea nananga fameaham-
boaloboke. Nandy zay re hamokatre voaloboke, feie voalobo-draty avao ro namoa.[3]Naho amizao, ty vahoake
Jerosalema vaho ty ndaty Joda, le mitsara ahy vaho ty tanem-boaloboko. [4]Ino kea ro tokone natao tamity tanem-
boaloboko, ze mboe tsy vitako tamine? Tamimbia ro nagniry zay mba hamokatre reo voaloboke raho, nagnino ro
namokatre voalobo-draty zane?[5]Naho zao ho rehafeko aminareo ze hataoko amity tanem-boaloboko: Halako ty
vala, hampinjareko akata zay, le ho ravaeko ty mandane, naho ho voalia zay. [6]Ho simbaeko zay, naho tsy ho
voatako na voakarakara. Fa kea, reo here vaho reo fatike ro hitsimoke. Ho baikoeko avao kea ty raho tsy hagnora
amine eo.[7]Fa ty tanem-boalobo Yaveh Tompo ty maro ro foko Israely, naho ty lahilahy Joda ro voly teane; niambe
ty raene re, kay, vonoa ro nisy; ty hamarea, kay, toreo ty taray ro solo zay.[8]Loza ho ahy reo ze mampifan-drae
isan-tragno, ze mampifandrae ty isam-baibo, zisike ty tsy misy efetre tavela, ka nareo arere ro sisa hitoboke eo
amity tane! [9]Hoe Yaveh Tompo ty maro tamiko, tragno maro ro ho rava, na le foloay vaho soa aza, tsy misy
mpitoboke. [10]Fa bata raike avao ro ho vokatre ty voaloboke folo zemeba, naho efaha raike avao ro ho vokatre ty
voan-draraha raike homera.[11]Loza ho ahy reo ze mifoha vaho magneno akoho mba hahazo zaka-hinome mahere,
reo ze mijano amity hale zisike ty himamoane ty divay iereo. [12]Nagnafatre tamity harpa, lokanga, ty
ampongatampake, ty sody, naho ty divay iereo, kanefa tsy midineke ty asa Yaveh iereo, na kea nihevetre reo
zaka-bita ty tagnane.[13]Ka le fa nijaren-ko babo noho ty tsy fiampea ty fazavan-tsay ty ndatiko; ho kere reo
mpitarike soa amity hajae iereo, naho tsy hisy ho nome reo vahoakene. [14]Ka le fa nataone ty Fiaignan-tsy hisake
ho bey ty homane naho sinokane misagnasagna ty vavane; naho nizotro tagne amity Fiaignan-tsy hisake, reo
sangane, ty vahoake, reo mpitarine, naho reo manoro vaho reo ze fale teo amiereo.[15]Ty ndaty seren-kihohoke,
naho ty Ondaty le hoambane; ty maso ty agnabo le hoambane. [16]Yaveh Tompo ty maro le hiakatre amity fitsarane,
naho ty Zagnahare ty Masy hanoro ty vatane ho masy amity alala ty hamareane. [17]Naho ty agnondry le hifaha hoe
tyb egne amity tanem-bilone avao, naho tao amity koronta, reo anak'agnondry le hihina hoe ty vahiny.[18]Loza ho
ahy reo mitari-keloke amity kofehe tsy misy ipaia aze mitarik'adisoa hoe ty hoe amity talin-tsarete zay. [19]Loza ho
ahy reo ze manao ty hoe:" Ao handondo ty Zagnahare, ao hiasa malaky Re, mba hahafahantika mahisake ty hatao
zay; naho ao hoavy ty fikasa ty Masy Israely, mba hahaiantika iereo."[20]Loza ho ahy reo ze mirehake ty raty ho soa,
naho ty soa ho raty, ze mitalily ty ieke hoe ty ho mazava, naho ty mazava ho hoe ty maieke; ze mitalily ty mafaitse
ho mamy, naho ty mamy ho mafaitse! [21]Loza ho ahy reo mare eo amasone avao, naho mare amity fazavan-tsaine
avao![22]Loza ho ahy reo ze tompo ty finoman-divay, naho tompone amity fagnaroa finome mahere; [23]ze magnomea
tsiny ty raty fagnahy ho amity fandoava, naho magnafake ty tsy manan-tsiny amireo marene![24]Ka manahake ty
lelan'afo mandrava mololo, naho manahake ty akata maike rava ty afo, le ho lo ty taho reo, naho ho afake
manahake ty deboke reo ravene. Hiseho zay satria nilietre ty lala Yaveh Tompo ty maro iereo, naho satria le fa
nanao tsinontsino ty reha ty raike Masy Israely.[25]Ka laha zao ty helo Yaveh le nirehetre amireo ndatine. Le fa
namototre ty tagnane mandietre iereo naho le fa nanaze iereo Re. Hihovitre reo vohitse, naho ty fate iereo le
manahake ty fako egne andala. Amize zaka iaby zay, le tsy mboe mihaja ty helone; fa kea, mboe hovototre avao ty
tagnane.[26]Naho hananga faneva famantara hoahy reo firene lavitre Re naho hifioke ho ahy reo ze agne ampara ty
tane. Ingo, hoavy malaky naho avy zisikagne iereo.[27]Tsy misy rerake na tafintohy amiereo; naho tsy misy rererere
na miroro. Na mivaha ty santira iereo, na tampake ty talin-kampane. [28]Masio ty folesene naho mihenja ty folesene
iaby; ty kitron-tsoavale iereo le manahake ty afovato, naho ty laron-tsaretene manahake ty tafion-tioke.[29]Ty
fitserone le hanahake ty liona; naho hitsero manahake ty ana-diona iereo. Le hitsero vaho hitsepake ty haza reo
naho hitaritarike zay, naho tsy hisy hamonje. [30]Amize andro zay le hitsero handietre ty hangalake manahake ty
fitsero ty riake iereo. Laha misy ndaty magnete ty tane, le hahisake ieke vaho jale re; na le haieke ty raho aza ty
hazava.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

[1]Tamity tao nahafate Ozia mpanjaka, le nahisake ty Tompo nitoboke teo amity sezan-droandria raho; vaho
agnabo ro ambone Re, naho nameno ty tempoly ty moron'akanjo lavane. [2]Teo ambonene le nisy ty serafima;
sambe mana elane ene iaby; ty roe nanako ty tarehene, ty roe hafa nanako ty tombone, naho ty roe nitilignane.
[3]Nifampikaike iereo naho nanao ty hoe:" Masy, masy, masy, Yaveh Tompo ty maro! Zao iaby zao le feno ty
hasine."[4]Nihozongozo tamity feo reo ze mitaray ty foto reo tokonam-baravara, naho feno deboke ty tragno. [5]Naho
hoe raho ty hoe:"Loza! Robake raho satria lahilahy maloto sogny raho, naho nivelo teo amity vahoake maloto
sogny, satria ty masoko le fa nahisake ty Mpanjaka, Yaveh, Yaveh tompo ty maro!"[6]Bakeo le nisy tamireo serafima
nitily tamiko eo; nisy vaen'afo tegne antagnane, ze nalaene niarake tamity tandra tegne amity alitara. [7]Nikasike ty
sogniko tamizay re naho nanao ty hoe:"Ingo, nikasike ty sogninao toy; afake ty helonao, naho vototre ty
hadisoanao."[8]Naharey ty feo ty Tompo raho nanao ty hoe:" Ia ro tokone hiraheko; ia ro hindeha ho antika?" Le
hoe raho ty hoe:" Intoy raho; iraho raho." [9]Hoe Re ty hoe:" Mindehana naho ambarao reo vahoake reo hoe:'
Dranjigno, fa ko takare; henteo, fa ko fantare.'[10]Hamafeo ty arofo vahoake eo, naho anovo mare ty sofy iereo,
naho anovo goa ty maso iereo. Laha tsy zay le mete hahisake amity masone iereo, haharey amity sofine, vaho
hahay amity aforo iereo, naho bakeo hiakatre ka ho salama." Naho hoe raho,"Tompo o, zisike ombia vao?" Le hoe
Re,[11]Le hoe raho ty hoe:"Ry Tompo, zisike ombia?" Namale Re hoe:" Mandram-pirava ty tana, ka tsy hisy ndaty,
naho ty tragno tsy hisy ndaty, naho ty tane haliolio vatane,[12]naho Yaveh hampindeha lavitre ty ndaty, ka ho bey ty
halio ty eo amity tane.[13]Na ty ampaha-folo ty ndaty tavela ao amizay aza, le ho potehe ndraike; manahake ty
terebinta vaho oka tinampake ka misy tahone tavela, ty voa masy le ao amity fotone."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 7

[1]Tamity andro Ahaza anadahy Jotama anadahy Ozia, mpanjaka Joda, le niakatre nimbaeo Jerosalema ty Rezina
mpanjaka Syria, vaho Pelza anadahy Remalia, mpanjaka Israely mba hananga aly amizay, fa tsy naharese zay
iereo. [2]Tinao tagne amity foko Davida fa niarake tamity Efraima ty Syriana. Nihovitre ty arofone, vaho ty arofo ty
vahoakene, hoe reo hetae agne agnala hozogne ty tioke.[3]Le hoe Yaveh tamy Isaia hoe:" Miakara miarake amy
Seara-jasoba anagnao lahy mba hanalaka i Ahaza eo amity fara ty lakan-drano kamory ambone, egne amity lala
mbaeo amity baibo ty Mpanasa lamba. [4]Ambarao aze hoe:' Miambena, ko taitaitre, ko matahotre na ampitahore
reo tampa-poroha roe mireake reo, amity helo Rezina vaho Syria, naho Pelza anadahy Remalia.[5]Syria, Efraima,
naho ty anadahy Remalia le nanao heve-draty handiera anao; hoe iereo ty hoe: [6]"Andao tika hanafike Joda vaho
hagnorohoro aze, ka ao tika hamaky aze naho hametrake ty mpanjakantika, ty anadahy Tabeala ao."[7]Hoe ty
Tompo Yaveh hoe:"Tsy ho lefe zay; tsy hiseho zay, [8]satria Damaskosy ro loha Syria, naho Rezina ro loha
Damaskosy. Ao agnate ty dime amby enem-polo tao, le ho torotoro ty Efraima naho tsy ho vahoake sase. [9]Samaria
ro loha Efraima, naho ty anadahy Remalia ro loha i Samaria. Laha tsy mitoboke mafe amity finoa nareo, le azo
antoke fa tsy ho voaaro."""'[10]Nirehake tamy Ahaza ndraike ty Tompo hoe: [11]"Mangataha famantara amy Yaveh
Zagnaharenao; mangataha zay amity laleke na amity halava ty ambone." [12]Fa hoe Ahaza hoe:" Tsy hangatake
raho, na hitsapa Yaveh."[13]Ka namale Isaia hoe:" Dranjigno, ry foko Davida. Tsy ampe anareo vao ty mitsapa ty
fiareta ty vahoake? Tsy maintsy mitsapa ty fiareta ty Zagnahareko kea vao nareo? [14]Laha zao le ty Tompo vatane
ro hagnomea famantara anareo: ingo, hobevoka ty ajalahy, hiterake ajalahy, naho hikaike ty agnarane hoe
Imanoela. [15]Hihina rononomandre vaho tantele re laha fa mahay milietre ty raty naho mifily ty soa.[16]Fa aloha ty
hahaia ty kolo milietre ty raty naho mifily ty soa, le ho rava ty tane reo mpanjaka roe ze natahoranareo reo.
[17]Yaveh le hinday andro tsy mboe nisy zisikamity niala Efraima tamy Joda aminao, vaho ty vahoakenao, naho
amity fokon-draenao__ho entene aminao eo ty mpanjaka Asyria."Amize andro zay Yaveh le hifioke laletre
bakalavitre egne amity rano Egypta, naho tantele bakegne amity tane Asyria. [19]Hoavy iaby ie iaby naho hitoboke
ambane egne amity baibo maike, egne agnivo ty harambato, egne amity vala fatike iaby, naho egne amity tane
fihinanam-bilo iaby.[20]Amize andro zay ty Tompo le hagnaratre amity meso hinofa tagne amoro ty rano
Eofrata__ty mpanjaka Asyria__ty loha vaho ty volon-tomboke; hagnafake reo vaoke avao kea zay. [21]Amize andro
zay, le hihare agnombe vave kele vaho agnondry roe ty ndaty, [22]naho noho ty hamaro ty ronono ze hamea iereo,
le hihina rononomandre re, satria ty ndaty iaby tavela eo amity tane le hihina rononomandre vaho tantele.
[23]Amize andro zay, teo amzie nisy divay agnarivone teo amity sekele volafoty arivo, le tsy hisy na ino ino laha tsy
fatike. [24]Hindeha ho agne mba hihaza amity folese ty ndaty, satria ty tane iaby le ho fatike iaby. [25]Hijano lavitre
reo tamboho iaby ze navalike tamity fangaly iereo, noho ty tahotre reo fatike; fa ho toera fihinana ty biby hare
vaho agnondry zay.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 8

[1]Nirehake tamiko Yaveh ty hoe:" Mangala vato pisake bey naho sorato amizay ty hoe:" Mahera-Salala-Hasi-Baza.'
[2]Hampikaike vavolombelo matoky hagnamare hoahy raho, le oria mpisoro, vaho Zakaria anadahy
Jeberekia."[3]Nimbaeo amity mpaminane vave raho, naho nanagnanake ka niterake ajalahy re. Naho Yaveh nanao
tamiko hoe:" Anovo hoe:' Mahera-Salala-hasi-baza.'ty agnarane. [4]Fa taloha ty hahaia ty kolo mikaike hoe:' babako,'
vaho neneko,' ty mpanjaka ty Asyria le hangalake ty harea Damaskosy vaho ty babo ty Samaria."[5]Nirehake
tamiko ndraike Yaveh hoe: [6]"Satria ty vahoake toy le nilietre ty rano misononoke Siloa, naho fale eo amin-dRezina
vaho amity anadahy Remalia, [7]laha zao ty Tompo le hinday reo rano ty renerano ho eo amiereo, mahere vaho
maro, ty mpanjaka ty Asyria vaho ty hasine iaby. Hoavy amireo fantsone iaby zay ka hahatondrake reo morone.
[8]Ty Renerano le hamaoke manomboke ao amy Joda, hanondrake vaho hamakivaky, mandram-pahavy zay eo
amity vozonao. Reo elane mivelatre le hameno ty borin-tane, ry Imanoela."[9]Ho torotoro nareo ry Vahoake.
Midranjigna, ry firene lavitre iaby: vognono amity aly ty vatanareo naho torotoro; vognono ty vatanareo naho
torotoro. [10]Manova fikasa, fa tsy ho lefe zay; magnakara lily, fa tsy ho lefe zay, fa miomba anay ty Zagnahare.
[11]Yaveh nirehake tamiko, niarake tamity tagnane mahere ze teo amiko, naho mampiambe ahy tsy hindeha amity
lala ty vahoake toy. [12]Ko atao ty hoe hevetre ty zaka ze atao ty vahoake toy ho hevetre, tsy hatahotre ze
hatahorane riha, naho ko matahotre. [13]Fa Yaveh Tompo ty maro ro ameanao hasy ho masy; Re ro tokone
hatahoranao, naho re ty tokone hangovitanao.[14]Ho lasa toera masy Re; fa ho vato famofoha Re, naho ho
vatolampy hanafitohy ho ahy ty foko Israely, naho ho ahy ty vahoake Jerosalema le ho fandrike vaho rota Re.
[15]Maro ro ho tafintohy amizay ka ho lavo naho ho rava, ho voafandrike ka halae.[16]Feheo ty fijoroako vavolombelo,
naho asio tombo-kase ty fitana ofisialy, naho ameo reo mpianako zay. [17]Handy Yaveh raho, ty magnaja ty tarehene
amity foko Jakoba; handy aze raho. [18]Ingo, zaho vaho reo anadahiko ty namea Yaveh ahy ho famantara vaho ho
zaka-mahagaga ao Israely bakamy Yaveh Tompo ty maro, ze mitoboke eo amity Vohitse Ziona.[19]Hirehake aminao
iereo hoe:" Agnontaneo reo mpahisake vaho reo mpisikily," reo ze tindrien-jaka mimonomono vaho mibisibisike
kaike. Fa tsy tokone hagnotane ty Zagnaharene vao ty ndaty? Tokone hagnotane ty mate ho ahy ty velo vao iereo?
[20]Arake ty lala vaho ty fijoroa vavolombelo! Laha tsy mirehake zaka hoe zay iereo, le satria tsy mana ty hazava ty
maray.[21]Handrio eo amity tane amity fijalea vaho ty hakerem-bey iereo. Laha fa kere iereo, le ho meloke naho
hagnozo ty mpanjakane vaho ty Zagnahare, laha magnakatre ty tarehe iereo ambone. [22]Hagnente ty tane iereo ka
hahisake ty fijalea, ty ieke, naho ty zavo mampijale. Ho roahe mbaeo amity tane ty fagnaliloa iereo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 9

[1]Hidiso ty iem-pito eo amine ty tao agnate ty hirifiry. Tamity taloha le nagnafa-baraka ty tane Zebolona vaho ty
tane Naftaly Re, nefa amity andro tafara atoy le hanao zay ho bey hasy re, vaho lala mbaeo amity riake, agne
andafe Jordana, reo firene Galilea. [2]Le fa nahisake hazavam-bey ty vahoake ze mindeha amity ieke; reo ze le fa
nivelo tao amity tane ty aloke ty fate, le fa namirapiratre teo amiereo ty hazava.[3]Le fa nagnamaro ty firene Riha;
le fa nanombo ty hafalea iereo Riha. Mifale magnoloa anao iereo manahake ty hafalea amity andro ty fihaza, hoe
ty ndaty fale laha fa mizara ty voarebake iereo.[4]Tinorotoronao hoe ty tamity andro Midiana ty zoga mavesane, ty
ambe teo antsorone, ty tsila-ketae ty mpampijale aze. [5]Fa ty kiraro iaby ze mandia eo amity koronta vaho reo
akanjo mihoso-dio, le ho roa, atao solike ho ahy ty afo.[6]Fa kolo ro terake hoantika, ajalahy ro namea antika, naho
ty fandilia ho eo amity sorone; naho ty agnarane hatao ty hoe mpagnomea hevetre mahagaga, Zagnahare
Mahere, Rae zisikagne, Roandriandahy ty filamina. [7]Amity fitomboa ty Governemantane vaho amity filamina le
tsy hisy farane, laha mandily eo amity sezan-droandria Davida Re, vaho eo amity fanjakane, mba hametrahane
vaho hanohagnane zay amity rarene vaho hamarea tamity nanomboke tamio andro o naho ho zisikagne. Ty
zotom-po Yaveh Tompo ty maro ro hanao zay.[8]Nandefa rehake ho ahy Jakoba ty Tompo, naho niavy teo amy
Israely zay. [9]Ty vahoake iaby hahay, na le Efraima vaho reo vahoake Samaria, ty mirehake amity avognavo vaho
rehareha ty arofone hoe: [10]"Le fa nitonta reo borike, nefa hatsagantika ndraike amity vato fandrake zay; le fa
voatampake reo amonta, fa ho soloentika sedera eo amity toerane."[11]Laha zao hitsanga handietre aze Yaveh le
Rezina, ty mpifanao amine, naho handrisike reo fahavalone, [12]le reo Syriana bakagne antignana, naho reo
Filistina bakagne ahandrefa. Handrava ty Israely amity vavane mihagnahagna iereo. Amize zaka iaby zay, tsy
niegne ty helone; fa kea, mboe vototre ty tagnane.[13]Nefa ty ndaty tsy himpoly amine ze nagnisy iereo, na hipay
Yaveh Tompo ty maro. [14]Ka le ho tampahe Yaveh ty loha vaho ty solo Israely, ty tahon-drofia vaho ty volontara, ao
agnate ty andro raike. [15]Ty mpitarike vaho ty ndaty soa amity hajae ro lohane; naho ty mpaminane ze
magnanatre vande ro solone.[16]Reo ze mitarike reo vahoake reo ro mitarike iereo amity lalan-diso, naho reo ze
mitarike iereo ro voatele. [17]Laha zao tsy ho fale amity ajalahy iereo ty Tompo na hana fiferenaigna eo amity bode
iereo vaho reo mpivem-bata Re, satria ty ndaty iaby mpihatsaravelatsihy vaho mpanao raty, naho ty vava iaby
mirehake hagegea. Amize zaka iaby zay, le tsy miegne ty helone; fa kea, mboe vototre ty tagnane.[18]Fa ty haratia
magnoro hoe ty afo; mandrava ty here vaho ty fatike zay; magnoro ty ala aza zay, te miakatre ao amity
savorovoron-deboke. [19]Amity helo Yaveh Tompo ty maro ro magnoro ty tane, naho ty ndaty le hoe ty solike ho ahy
ty afo. Tsy misy ndaty miferegnay ty rahalahine.[20]Handany ty sakafo amity tagna havana iereo nefa kere avao;
hihina ty hane amity tagna havia iereo nefa tsy ho entsake. Na le ty kirai-kiraike aza le hihina ty nofo ty sandrine
avao. [21]Manase handrava i Efraima, naho Efraima handrava i Manase; ka hiarake hanafike Joda iereo. Amize zaka
iaby zay, tsy hiegne ty helone; fa kea, mboe vototre ty tagnane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Loza hoahy reo ze manao lala tsy arake ty hitine naho manoratre lily tsy rarene. [2]Tsy magnomea rarene reo
mipay fagnampea iereo, mandrava ty ndatiko mahantra amity zone iereo, mandrava reo mpivem-bata, naho
manao reo bode ho haza iereo![3]Ino ro hataonao amity andro fitofa laha fa hoavy baka lavitre ty harava? Aminia
riha ro hipay fagnampea, naho aia ro hagnenganao reo hareanao? [4]Tsy hisy na ino ino ho sisa, naho hanampify
eo amireo gagra riha na ho lavo eo amireo mate. Amireo zaka iaby reo, le tsy hiegne ty helone; fa kea, ty tagnane
le mboe vototre zisikagne.[5]Loza ho ahy reo Asyriana, ty tsila-ketae ty heloko, tsila-ketae ze hindaisako ty heloko!
[6]Alefako handietre firene miavognavo vaho handietre ty vahoake ze miaretre ty heloko manafotre re. Mandily
aze hangalake ty babo, hangalake ty haza, naho handia reo manahake ty fotake egne amireo lala raho.[7]Kanefa tsy
zay ro kasaene, na hoe midineke hoe zay re. Ao agnarofone zay ty hoe handrava vaho handany firene maro zay.
[8]Fa hoe re ty hoe:"Feie tsy mpanjaka iaby vao reo roan-drian-dahiko iaby?" [9]Tsy manahake Karkemisy vao ty
Kalno? Tsy manahake i Arpada vao ty Hamata? Tsy manahake i Damaskosy vao ty Samaria?[10]Manahake ty
nandresea ty tagnako reo fanjakana mpanompo sampe, ty saren-jaka sokitre iereo le foloay kea noho reo ahy
Jerosalema vaho Samaria, [11]manahake ze nataoko tagne Samaria vaho reo sampe zaka-foane, feie tsy hanao hoe
zay amy Jerosalema vaho reo sampene avao kea vao raho?"[12]Laha fa nahavita ty asane teo amity Vohitse Ziona
vaho tao Jerosalema ty Tompo, le hagnasaze ty safa ty arofo miavo ty mpanjaka Asyria vaho ty hente feno
avognavone raho. [13]Fa ie nirehake ty hoe:" Amity alala ty ozako vaho ty hamareako ro hiasako." Mana hazavan-
tsay raho, naho le fa nagnafake ty vala reo vahoake. Le fa nangalareko ty harea iereo, naho manahake ty
agnombelahy ro nandrotroako reo vahoake.[14]Hoe ty fitsepaha bakao amity akane, ro nangala ty tagnako reo
harea ty firene, naho manahake ty famoria ty raike reo atoly nienga, ro hamoriako ty tane iaby. Tsy nisy
nagnopake ty elane iereo na namoha ty vavane na nikorake."[15]Feie vao ty famaky hirehareha miomba ty vatane
amity raike ze manao zay? Feie vao ty tsofa hiantsa kea ty vatane noho ty raike ze mandily amity alala zay? Zay le
manahake ty hoe: tsila-ketae raike ze afake mindeha amireo ze mindeha zay na hoe ty hoe afake mindeha aloha
ty tsila-ketae. [16]Laha zao le handefa fahiae eo amireo mpialy sangane Yaveh Tompo ty maro; naho eo ambane ty
hasine le hisy fireheta manahake ty afo mireake.[17]Hizare afo ty hazava Israely, naho ty raike Masine ho lelan'afo;
hagnoro vaho handrava reo fatine ao agnate ty andro raike avao zay. [18]Yaveh le hanimba ty hasy ty alane vaho ty
tanene mamokatre, le ty fagnahy zay vaho ty vata zay; hanahake ty fiay ty ndaty marare miha-rerake zay. [19]Ho tsy
ampe reo sisa tavela amireo hetae ty alane, ka na ty kolo aza afake hagnisake reo.[20]Amize andro zay, reo Israely
sisa, reo foko Jakoba ze nilay, le tsy hiraike amity raike ze naharese iereo sase, fa hianky amy Yaveh kea, le ty
raike masy Israely. [21]Ze sisa amy Jakoba le hihere agne amity Zagnahare mahere.[22]Fa na ty ndatinao aza, ry
Israely, le manahake ty faseke egne an-driake, ze sisa tavela amiereo avao ro hihere. Tinendre ty harava, arake ty
hatake manofotre ty hamarea. [23]Fa Yaveh Tompo tompo ty maro, le eo andalam-pindaisa ty harava ze tinendre
magnera ty tane.[24]Laha zao Yaveh Tompo tompo ty maro manao ty hoe:" Ry vahoakeko ze mitoboke ao Ziona, ko
matahotre reo Asyriana." Hagnisy anao amity tsila-ketae re, naho hananga ty tehene aminao, arake ze natao reo
Egyptiana. [25]Ko matahotre aze, fa afake andro kele le hitofa ty heloko aminao, naho hitarike ty haravane ty
heloko."[26]Naho Yaveh tompo ty maro le handay ty karavasine amiereo, hoe ty tamity nahareseane i Midiana teo
ambatolampy Oreba. Handay ty tsilan-ketae eo amity riake Re naho handay zay hoe ty nataone tao Egypta.
[27]Amize andro zay, ty vesane le hindeha bakeo amity soronao naho ty zogane bakeo amity vozonao. Naho ty zoga
le ho rava noho ty havondraha.[28]Niavy tao Aiata ty fahavalo naho nandrio i Migrona; tagne Mikmasy ro
nivignirane reo vatsene. [29]Nitsake tamity fandriogna iereo naho nitoboke tao Geba. Nihovitre ty Rama naho nilay
ty Gibea Saoly.[30]Mikoraha mafe, ry anakampela Galima! Ao ho tea, ry Laisy! Ezao ry Anatota mahantra. [31]Milay ty
Madmena, naho reo vahoake Gebima le milay ho amity fiaro. [32]Amio andro o avao ro hijano ao Noba re ka
hamoretre ty komondrone agne ambohitse ty anakampela Ziona, ty tazoa Jerosalema.[33]Ingo, Yaveh Tompo tompo
ty maro hanonta ty tsempagna amity hatonta raty; reo hetae lava vatane le hotampahe, naho abo ze le ho
haborie. [34]Hamaky reo mateve vatane amity ala amity famaky re, naho Libanona le hitonta amity hafoloaine.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 11

[1]Hisy tsempane hitsimoke bakamity foto Jese, naho hisy rambone bakamity tahone hinday voane. [2]Hitoboke ao
amity ty Fagnahy Yaveh, ty fagnahy hamarea vaho hazavan-tsay, ty fagnahy ty fagnanara vaho here, ty fagnahy ty
fahaia vaho tahotre Yaveh.[3]Ty aleone mba ho tahotre Tompo; tsy ho tsarae amize hisa ty masone re, na hanam-
pakevetre amize ray ty sofine. [4]Fa kea, hitsara ty mahantra amity hamarea re naho hanam-pakevetre ara-drarene
amity mpagnetre-bata ty tane. Hagnisy ty tane amity tsila-ketae ty vavane re, naho hamono ty raty fagnahy amity
fofognay ty sognine. [5]Ty hamarea ro ho santira ty andilane, naho fatokia ro santira magnodidy ty valahane.[6]Naho
ty amboan'ala hiara-hivelo amity anak'agnondry, naho ty leoparda hiara-miroro amity anak'ose, anak'agnombe,
ty liona kele naho ty anak 'agnombe vondrake. Aja-kele ro hitarike iereo. [7]Ty agnombevave vaho ty bera le hiara-
hiraoke, naho ty ana iereo hiara-miroro. Ty liona le hihina mololo manahake ty agnombe.[8]Hihisa eo andavake ty
menara ty kolo, naho ty kolo nisara-nono hametrake ty tagnane eo andava ty mere. [9]Tsy hamere na handrava
egne amity vohiko masy iaby iereo; satria ho feno fahaia Yaveh ty tane, hoe ty rano manaro ty riake.[10]Amize
andro zay, le hitsanga hoe ty fagneva ho ahy ty vahoake ty foto Jese. Hipay aze reo firene naho ho bey hasy ty
toera fitofane. [11]Amize andro zay, le hagnabey ty tagnane ndraike ty Tompo mba hanaro reo sisa amity vahoakene
ze mitoboke agne Asyria, Egypta, Patrosa, Kosa, Elama, Sinara, Hamata, naho reo nose ty Riake.[12]Hametrake
fagneva ho ahy reo firene Re naho hamory reo voaroake Israely vaho reo voaele Joda bakagne amity zorone
efatre ty tane. [13]Hivalike ty fagniria Efraima Re, naho ho ravae ty falay Joda. Tsy hagniry Joda ty Efraima, naho
Joda tsy halay Efraima sase.[14]Fa hizotro agne amity tazoa ty Filistina agne agnaratre kea iereo, naho hiara-
hangalake ty vahoake agne antignana. Hanafike Edoma vaho Moaba iereo, naho hagnenke iereo ty vahoake
Amona. [15]Hamoteke vatane agne amity riake Egypta Yaveh. Miarake amity tione mahamay le hagnofahofa ty
tagnane eo amity Rano Eofrata Re naho hanarake zay ho sampane fito, ka afake hitsake miarake amity kapa zay.
[16]Hisy lalam-bey ho ahy ty sisa amity vahoakene ze mihere bakagne Asyria, hoe ty nisia zay ho ahy Israely tamity
niakara iereo bakagne amity tane Egypta.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 12

[1]Amize andro zay le hitalily riha hoe:" Hanese fisaora hoanao raho, ry Yaveh. Fa na meloke amiko aza riha, le
niodike ty helonao, naho nagnamafe ahy riha. [2]Ingo, Zagnahare ro famonjea ahy; hatoky raho naho tsy hatahotre,
fa Yaveh, eka, Yaveh ro hereko vaho antsako. Re ro lasa famonjea ahy."[3]Amin-kafalea ro hisintomanao rano
bakamity loharano ty famonjea. [4]Amize andro zay ro hirehafanao hoe:" Manesea fisaora ho ahy Yaveh naho
mikaiha ty agnarane; atalilio amity ndaty reo asane, atalilio fa nakare ty agnarane."[5]Miantsa ho ahy Yaveh, fa
nanao zaka foloay hasy Re, ao ho hay magnera ty tane zay. [6]Mikaiha mafe naho mikoraha hafalea, riha ry
vahoake Ziona, fa foloay eo agnivonao ty Raike masy Israely."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 13

[1]Talily mikasike Babylona, ze voarambe Isaia anadahy Amoza: [2]Mananga fagneva agne ambohitse mangalihaly,
mikoraha mafe amiereo, akofakofaho amiereo ty tagnanareo mba hilirane amity vavahady reo roandria. [3]Le fa
nandily reo masiko Raho, eka le fa nikaike ty mahereko mba hanao ty heloko, eka na le reo manao am-
pirehareha aza.[4]Ty korake ty maro agnisake agne ambohitse, le manahake ty vahoake marobey! Ty tabataba ty
fanjaka manahake reo firene maro tafiharo! Yaveh tompo ty maro ro magnamafe ty tafike amity aly. [5]Bakagne
amity firene lavitre iereo, bakagne amity faran-dagnitse. Yaveh vaho reo zaka fitsarane, mba handrava ty tane
iaby.[6]Mitoreova, fa antomotre ty andro Yaveh; hoavy miarake amity hapoteha bakamity Tsitoha zay. [7]Laha zao le
hiraviravy ty tagna iaby naho ho tofoke ty arofo. [8]Hihorohoro iereo; ho azo ty fangirifiry vaho fijalea iereo,
manahake ty ampela miterake. Sambe ho tsereke amiereo sambe iereo; naho hirehetre reo tarehene.[9]Ingo, avy
amity havignira lozabey vaho heloke manafotre ty andro Yaveh, mba hahavy ty tane ho maike vaho hamoteke
reo mpanonta bakao amizay. [10]Reo kinta ty lagnitre vaho reo telo noho refe le tsy hagnomea ty hazavane. Ty
masoandro le haieke amity fivakiane, naho tsy hamiratre ty vola.[11]Hanazy zoa iaby zao noho ty haratiane naho
reo raty fagnahy noho ty helo iereo Raho. Hampijano ty avognavo reo mpirehareha vaho handrava ty avognavo
ty masiake Raho. [12]Hataoko mahala noho ty volamena voalio ty ndaty naho ty ndaty ho saro-paie noho ty
volamena tsy miharo Ofira.[13]Laha zao le hataoko mihovitre amity alala Yaveh tompo ty maro, vaho amity
androm-pimelofane bey ty lagnitre, naho hataoko miozo eo amity toerane ty tane. [14]Manahake ty gazela voahaza
na manahake ty agnondry tsy misy mpiarake, ro hiheregna ty ndaty kirai-kiraike amity vahoakene naho
hilaisane agne amity tanene.[15]Iaby ze hisake le ho mate iaby, naho iaby ze tratre le ho mate ty meso. [16]Ty kolo kele
iereo le hotorotoroe eo amasone. Ty tragno iereo le halae naho reo valine ho voa alake.[17]Ingo, mandrisike reo
Mediana mba hanafike iereo Raho, ty tsy ho voakasike ty volafoty, na nitea ty volamena. [18]Ty folese iereo
hitomboke reo ajalahine. Tsy hana firegnay amity kolo vaho tsy handefetre amity kolo iereo.[19]Naho Babylona, ty
soa-antsae vatane amireo fanjaka, ty famira-pira ty rehareha ty Kaldeana, le horavae manahake Sodoma vaho
Gomora. [20]Tsy hitoboha na hitoera zay zisikamity foko afara. Tsy hisy Arabo hagnoren-tragno agne, na hisy
mpiarake agnondry hanao ty agnondrine agne.[21]Fa reo bibin'ala ty efetre ro hitoboke agne. Ho feno vorondolo ty
tragno iereo; naho ostrisa vaho oselahy ro hifalehavanja ao. [22]Hitsero ao agnate fiarovane ty pison'ala, naho ty
amboan'ala ao amireo toera soasoa. Antomotre ty androne, naho reo androne le tsy ho tara.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 14

[1]Hiferegnay Jakoba Yaveh; hifily Israely ndraike Re naho hagnampoly iereo ao amity tanene. Hiharo amiereo ty
vahiny naho hamehe ty vatane amity foko Jakoba. [2]Hinday iereo agne amity toerane reo firene. Le hinday iereo
agne amity tane Yaveh ho mpanompo lahy vaho vave ty foko Israely. Hangalake reo ze le fa nangalake aze iereo,
naho handily reo mpampijale aze.[3]Amity andro ze hagnomea Yaveh fitofa hoanareo amity fijalea vaho ty hirifiry,
vaho amity asa mafe ze paie hataonao, [4]le hiantsa ze antsa fagnafaha ho ahy ty mpanjaka Babylona zao nareo
hoe:" Hehe vita ty amity mpampijale, tampetre ty havignira mieboebo![5]Lefa namoteke ty tehe ty raty fagnahy
Yaveh, ty tehem-panjaka reo mpandily reo, [6]ty magnisy ty vahoake amity heloke amity fitiofa tsy manam-pitofa,
ze nandily reo firene tamin-keloke, tamity fanafiha te tsy nijano.[7]Mitofa naho milamy ty tane iaby; manomboke
mandaza amity antsa iereo. [8]Na le ty hetae Kypreso aza le mifale aminao amity sedera Libanona; hoe reo:' Ka
satria natao ambane riha, le tsy nisy mpandily hetae niakatre mba handily anay.' [9]Miambe mafe ty hanalaka anao
ty Fiaignan-tsy hisake ambane laha mbaeo riha. Mananga ty mate ho anao zay, ry mpanjaka ty tane iaby,
mananga iereo eo amity sezan-droandriane, ry mpanjaka ty firene iaby.[10]Hirehake ie iaby naho hanao aminao
hoe:' Le fa lasa maletse manahake anay riha. Le fa lasa manahake anay riha. [11]Le fa nizotro ho mbaeo amity
fiaignan-tsy hisake tamity feom-balihanao ty hasinao. Mizara eo ambanenao reo oletre, naho mameno anao reo
soko.'[12]Akore ty nitontanao bakagne an-dagnitse, ry kinta ty andro, anagny ty maray! Akore ty handilia anao
amity tane, riha ze naharese reo Firene! Le fa nitalily tao agnarofonao riha hoe:' Hiakatre ho agne andagnitre
raho, hagnakatre ty sezan-droandriako ambone reo Kintan'Agnahare raho, naho hitoboke eo ambohitse ty
fiangona, agne amity farane lavitre ty avaratre. [14]Hiakatre ambone reo raho agnabo raho; anoeko manahake ty
Zagnahare Agnabo vatane ty vatako.'[15]Kanefa nazotro tagne amity fiaignan-tsy hisake riha, tagne amity halale ty
lavake. [16]Reo ze mahisake anao le handineke anao ka hidranjy anao iereo. Hanao iereo ty hoe:' Feie vao ty
lahilahy ze nampihovitse ty tane, ze nagnozohozo reo fanjaka, [17]ze nanao zao iaby zao hanahake ty efetre, ze
nandrava reo tana zay naho tsy namototse reo gadrane holy?'[18]Ty mpanjaka reo firene, iaby le miroro amin-kasy,
ty kirai-kiraike sambe ao amity kiborine iaby. [19]Nefa riha le hafaha ao amity kiborinao manahake ty tahon-ketae
naria. Manaro anao manahake ty siky ty mate, le reo ze tinomboke tamity meso, ze mizotro agne amireo vato ty
lavake. [20]Tsy haleve manahake iereo riha, satria le fa namoteke ty tanenao vaho namono ty vahoakenao. Ty foko
ty mpanao raty le ho tognone sase."[21]Vognono ho ahy reo anane ty vonoa, ho ahy ty helo reo razambeine, mba tsy
hitsanga iereo ka hangalake ty tane naho hameno zao iaby zao amireo tana. [22]"Hitsanga handietre iereo
Raho"__zay ro talily Yaveh Tompo ty maro. Ho foagnako hiala amy Babylona ty agnara, ty foko, naho ty
harea"__zay ro talily Yaveh. [23]"Hanoeko ho ao amity fanagna reo vorondolo avao kea re, vaho ao amireo dobon-
drano, naho hofafako amity kofafa ty famoteha re"__zay ro talily Yaveh Tompo ty maro.[24]Le fa nifanta Yaveh
Tompo ty maro hoe:" Arake ty le fa kinasako vatane, ro hiseho; naho arake ze le fa kinendreko, le zay ro ho ie:
[25]Ho poteheko ao amity tane reo Asyriana, naho liako amity tomboke eo amireo vohiko re. Le hafaha hiala
amiereo ty zogane naho hiala eo amity taho iereo ty enta-mavesane."[26]Zay ro fikasa ze kinasa ho ahy ty tane iaby,
naho zay ro tagna ze nakare ho ahy reo firene iaby. [27]Fa le fa nikasa zay Yaveh Tompo ty maro; ia ro hahasaka
aze? Miakatre ty tagnane, ka ia ro hagnemotre zay?[28]Tamity rao ze nifateza Ahaza mpanjaka ro nahavia ze talily
zao hoe: [29]Ko mifale, nareo ry Filistina iaby, fa tampake ty tsila-ketae ze nagnisy anareo. Fa bakao amity valaha ty
mere ro hiakara ty menara, naho ty haterane le ho mere mirehetre mitily. [30]Hampihina reo agnondrine eo amireo
fihinanam-biloko ty anadahy voalohane ty mahantra, naho hiroro amim-pilamina ty ore. Ho vonoeko amity kere
te hamono ty sisa velo aminareo ty valahanareo.[31]Mitoreova, ry vavahady; mitagnia, ry tana; inareo iaby le feno
iaby, ry Filistina. Fa bakao avaratre ro hiavia ty rahon-deboke, naho tsy misy miala eo am-pilaharane. [32]Ka ino are
ro hamalea ty ndaty ty ira ze firene zay? Fa hisa Yaveh ty Ziona, naho amine ao ro hahisa ty ore amity ndaty
fialofa.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 15

[1]Talily mikasike Moaba. Eka mare, agnate ty ale raike le foa vaho poteke ty Ara-moaba; eka mare, agnate ty hale
raike le foa vaho poteke ty Kira-moaba. [2]Niakatre hoagne an-tempoly iereo, niakatre hoagne amity ambone ty
ndaty Dibona mba hitagny; mitagny ao Nebo vaho ao Medeba ty Moaba. Hinaratre ho sola ty loha iereo naho
voatampake ty vaoke iereo iaby.[3]Misiky lamba fandala iereo egne amireo lala iereo; mitoreo eo amity ambone-
tragno vaho egne an-kianja ty kirai-kiraike, rerake ty tagny. [4]Mipay famonjea ty Hesbona vaho i Elale; rie
zisikagne Jahaza ty feo iereo. Ka mipay famonjea reo lahilahy Moaba mitam-pialia; mihovitre ao agnate iereo
avao iereo.[5]Mitagny ho ahy Moaba ty arofoko; milaisa hoagne Zoara vaho Egleta-selisia reo mpilaine. Miakatre
agne amity tazoa i Lonita am-pitagnia iereo; mitoreo mafe ty amity hasimbane amity lala ho agne Horonaima
iereo. [6]Maike reo rano Nimrima; malazo reo akata naho mate reo akata-baovao; tsy misy na ino ino maintso.
[7]Iaby ze nampitomboene vaho navory iereo le niente iereo agne am-baibon-driake reo hetae-malahelo.[8]Nagnera
ty faritane Moaba ty tagny; zisikagne Eglaima vaho Ber-elima ty toreo. [9]Fa feno lio reo rano Dimona; fa mboe
beibey kea ro hoenteko amy Dimona. Hanafike ze tafilay bakao Moaba vaho reo sisa tavela eo amity tane ty liona.

## Chapter 16

[1]Andefaso agnombe aman'ose ty mpandily ty tane bakagne Sela agne agnefetre, zisikagne amity vohitse ty anakampela Ziona. [2]Manahake reo voro mpirererere, manahake reo akane mpitarike, ka ty valy Moaba le ho ao amity fitana agne amity rano i Arnona.[3]Magnomea dineke, aharo ty rarene, magnomea alokaloke manahake ty hale amity mitatao vovogna; hajario reo mpilay; ko mivalike reo mpilay. [4]Ao hitoboke eo aminareo iereo, ry mpilay-tana bakagne Moaba; mimetea ho toera fihaja ho ahy iereo amity mpamoteke." Fa hijano ty fampijalea, naho hitsahatre ty fandrava, reo ze nagnosehose le hanjavo amity tane.[5]Hatoboke amity fagnenkea matoky ty sezan-droandria; naho ty raike bakamity tragno Davida le hitoboke ao ampi-tokia. Hitsara manahake ty fipaia ty rarene re naho hanao hamarea.[6]Naharey ty avognavo Moaba zahay, ty reharehane, ty fihoa-bavane, naho ty helone. Fa ty reharehane le teo avao. [7]Ka mitoreova hoahy Moaba ty Moaba_Mitoreo ie iaby! Mandala hoahy ty ampembam-boaloboke Kira-haresa, riha ze rava vatane.[8]Nihamaike manahake reo voalobo Sibma reo baibo Hesboma. Ty mpandily amity firene le nagnosehose reo filiam-boaloboke te avy zisikagne Jazera naho nizara tagne agnefetre. Reo tahone niele tagne ambalike, nindeha magnera ty riake iereo.[9]Le hitagny miarake amy Jazera ho ahy reo voalobo Sibma vatane reho. Hanondrake anao amireo riako raho, ry Hesbona, vaho Elale. Fa teo amireo baibo voa lohatao vaho ty fihaza ro namaragnako reo koram-pifalea. [10]Nafaha tamity ala ty hetae fihinam-boa ty hafalea vaho firavoa; naho tsy misy antsa na korake ao amity tanem-boaloboke. Tsy hisy na ia ia handia divay ao amity fameaza, fa le fa najanoko reo korake ty raike ze mandia.[11]Ka miay manahake ty harpa ho ahy Moaba ty arofoko, naho ty ao agnateko ho ahy Kira Hareseta. [12]Laha fa mampiakanjo ty vatane agne amity toera agnabo i Moaba ka militre ty tempoly mba hivavake, le tsy hahalefe na ino ino ty vavane.[13]Zay ro talily ze nirehafe Yaveh mikasike Moaba taloha. [14]Mirehake ndraike Yaveh hoe:" Agnate ty telo tao, le hanjavo ty hasy Moaba, na le maro aza reo ndatine, le ho tsy ampe reo sisa tavela naho tsy hisy dikane."

## Chapter 17

[1]Talily miomba i Damaskosy. [2]Hafoe reo tana Aroera. Ho toera handrea ty biby hare rey, naho tsy hisy
hampitahotre iereo. [3]Hanjavo tsy ho ao Efraima, ty fanjaka bakagne Damaskosy, naho ty sisa tavela Arama reo
tana voaaro__hanahake ty hasy ty vahoake Israely reo__zay ro talily Yaveh tompo ty maro.[4]Naho amize andro zay
le ho kele ty hasy Jakoba, naho hizare hahia ty havondra ty nofone. [5]Hanahake ty amity famoria ty mpihaza ty
vare an-tohine zay, naho ty sandry ty mpihaza ty salohim-bare. Hanahake ty amity fihaza ty ndaty raike ty
salohim-bare egne amity baibo Refaima zay.[6]Hisy sisa voavory hosisa, kanefa, hanahake ty amity fihozognozo ty
hetaen'oliva: misy oliva roe na telo eo amity tahone ambone vatane, amity hetae mamoa__zay ro talily Yaveh,
Zagnahare Israely. [7]Amize andro zay le hitolike amity Mpamboatre aze ty ndaty, naho ty masone hagnete ty Raike
Masy Israely.[8]Tsy hagnente ty alitara iereo, ze asa ty tagna iereo, na hagnente ze natao ty rambo-tagnane, le ty
baon'Aseraha na reo sare masoandro. [9]Amize andro zay le hanahake ty bao hetae nafoe egne amity loha ty tazoa
ty tana mafe ore iereo, ze nafoe noho reo vahoake Israely naho hanjare ho maike zay.[10]Fa nagnaligno ty
Zagnahare ty famonjeanareo nareo, naho natao nareo kisare tsy hay ty vatolampy ty herenareo. Ka mambole
zaka-mitiry soa nareo, naho mametrake tahom-boaloboke azo bakamity vahiny, [11]amity andro hambolea reo,
vaho hamafea nareo, vaho hampitiria nareo. Tsy ho ela le hitiry ty voanareo, feie tsy hahavagno ty vokanareo
amity andro fijalea vaho alahelo mafe.[12]Loza! Ty vande ty ndaty maro, ze mitrero manahake ty fiero ty riake,
naho ty fifoake ty firene, ze mamaoke manahake ty fipao ty rano mahere! [13]Hitrero manahake ty fipao ty rano
maro reo firene, feie homeloke iereo mafe ty Zagnahare. Hilay lavitre iereo naho paie manahake ty akata-raty
tiofen-tioke egne amity vohitse, naho manahake ty akata-raty ente ty tafiotre. [14]Amity hariva, ingo, ty horohoro!
Aloha ty maray le ho kele reo! Zay ro anjara reo ze mangalake antika, ty amboara reo ze mamoteke antika.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 18

[1]Loza hoahy ty tane ty fibisibisiha reo elatre, ze miarake amireo rano Etopia; [2]ty nandefa mpagnorimaso amity
riake, ao agnate fanake taratasy papirosy egne amity rano. Mindehana, nareo ry irake malaky lia, agne amity
firene lava vaho malama, agne amity ndaty matahotre lavitre vaho marine, firene matanjake vaho magnosehose,
ze zinara ty rano ty tanene.[3]Nareo vahoake iaby eto amizo tontolo zao vaho nareo ze mitoboke eto antane, laha fa
nindeha eo ambone vohitse ty fanaira, magnentea, naho laha fa tiofe ty trompetra, midranjigna.[4]Zao ro talily
Yaveh tamiko, "Handineke moramora bakegne amity tragnoko raho, hoe ty fipoake ty hafana egne amity
masoandra, hoe ty zao ty raho amity hafana ty fihaza. [5]Aloha ty fihaza, laha fa tampetre mandrave ty, naho ty
folera le mamoa ho hoaloboke, hisy tahone reo vognene amity fagnitsifam-boaloboke re, naho ho tampahene
vaho ho entene reo tahone voaele.[6]Henga ho ahy ty vohitse vaho reo biby egne ambone ty tane kea iereo.
Handany lohatao amiereo ty voro, naho reo biby manam-piay iaby le handany asotsy amiereo." [7]Amize andro zay
le hisy fagnomean-kasy Yaveh Tompo ty maro bakamireo vahoake lava vaho malama, bakamity vahoake
natahotre lavitre vaho marine, firene mafe vaho voalia, reo ze sinara ty rano ty tenene, ao amity toera ty agnara
Yaveh Tompo ty maro, zisikagne amity vohitse Ziona.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 19

[1]Talily miomba i Egypta. Ingo, Yaveh mitikitre raho malaky lia ka hoagne Egypta; mihovitrovitre eo agnoloane reo
sampe Egypta, naho le maletre agnate ty arofo reo Egyptiana. [2]"Handrisike hialy reo Egyptiana sambe Egyptiana:
Lahilahy raike hialy amity rahalahine, naho lahilahy raike handietre ty namane; tana handietre tana, naho
fanjaka handietre fanjaka.[3]Haletre agnate ty fagnahy Egypta. Ho potehiko ty toro-hevene, na le nipay ty dine reo
sampe, vaho fagnahy ty ndaty mate, vaho mpahisake ty hoavy, naho mpanao sikily aza iereo. [4]Hatoloko eo
antagna ty tompo masiake reo Egyptiana, naho mpanjaka mafe ro handily eo amiereo_zay ro talily Yaveh tompo
ty maro."[5]Ho maike ty rano ty riake, naho ho maike ty rano ka ho foa. [6]Hizare maloto reo rene-rano; hihe ty riake
Egypta ka ho maike; ty volotara vaho ty zozoro halazo.[7]Reo volotara amoro Neily, amoro ty vava Neily, vaho reo
tanem-bole Neily iaby le ho maike, hizare deboke, ka hoafake. [8]Hitoreo vaho handala reo maanjono, naho iaby ze
manorake ty fitane ao amy Neily handala, naho ze mamelatre ty haratone ao amity rano halahelo.[9]Reo mpiasa
amity bangon-drongony vaho ze magneno lamba hiova ho hatsatra. [10]Ho voatorotoro reo mpanao lamba i Egypta;
reo iaby miasa amity fikarama halahelo agnarofo.[11]Gege vatane reo roandria Ziona. Ty dine reo mpagnomea
hevetre mare vatane Farao miova ho tsy misy antone. Ino ro hirehafanao amy Farao hoe:" Zaho ro anadahy reo
ndaty mare, anaka mpanjaka taloha?" [12]Ka aia are ty ndaty mare nao eo? Ao iereo hitalily aminao ka hampahay
ze kasae Yaveh tompo ty maro mikasike Egypta.[13]Le fa gege ty roandria Zoana, voafitake reo roandria Memfisa; le
fa nanao i Egypta hindeha amity lalan-diso iereo, ze fehezoro reo fokone. [14]Yaveh le fa nagnaro fagnahy ty
fifandrimita teo agnivone, naho iereo le fa nitarike i Egypta tamity lala tsy ie amize anoene iaby, manahake ty
mamo mivembe amity naloane. [15]Tsy misy na ino ino azo ty ndaty atao sase ho ahy Egypta, na ty loha na ty solo,
na ty tahon-drofia na ty volotara.[16]Amize andro zay, reo Egyptiana hanahake ty ampela. Hangorohoro vaho
hatahotre iereo noho ty fiaka ty tagna Yaveh Tompo ty maro ze atsangane eo amiereo. [17]Ho lasa anto ty fivembe
Egypta ty tane Joda. Na ombia mbia misy ndaty hampahatiaro iereo aze, le hatahotre iereo, noho ty fikasa Yaveh,
ze ataone handietre iereo.[18]Amize andro zay le hisy tana dime ao amity tane Egypta ze hirehake ty reha Kana
naho hifanta fagnenkea amy Yaveh tompo ty maro. Raike amireo tana reo hatao ty hoe Ty tana ty masoandro.
[19]Amize andro zay le hisy alitara ho ahy Yaveh eo agnivo ty tane Egypta, naho tsangam-bato ho ahy Yaveh eo
amity sisine. [20]Zay le ho famantara vaho vavolombelo hoahy Yaveh Tompo ty maro ao amit tane Egypta. Laha fa
mitagny Yaveh noho reo mpampijale iereo, le nandefa mpagnavotre vaho mpiaro ho ahy iereo Re, naho
hagnafake iereo.[21]Holasa hay Egypta Yaveh, naho hahay Yaveh reo Egyptiana amize andro zay. Hanompo amity
soro vaho fagnatetre iereo, naho hanao vava amy Yaveh iereo ka hanao reo. [22]Hampijale Egypta Yaveh,
mampijale naho magnafake. Hirehe amy Yaveh iereo; hidranjy ty vavake iereo Re ka hagnafake iereo.[23]Amize
andro zay le hisy lalam-bey zisikagne Egypta ka hatragne Asyria, ka hoavy agne Egypta ty Asyriana, naho ty
Egyptiana agne Asyria; naho hanompo miarake amireo Asyriana reo Egyptiana.[24]Amize andro zay, Israely ro ho
fahatelo amy Egypta vaho Asyria, fitahia raike eo agnivo ty tane; [25]hitahy iereo Yaveh tompo ty maro ka hanao ty
hoe:" Hotahie anie Egypta, vahoakeko; i Asyria, asa ty tagnako; naho Israely, lovako."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 20

[1]Tamity tao niavia Tartana tao Asdoda, laha fa nagnirake aze ty Sargona mpanjaka Asiria, le nialy tamy Asdoda re
naho nangalake zay. Tamize andro zay Yaveh le nirehake tamy Isaia anadahy Amoza naho nanao ty hoe:"
Mindehana naho afaho ty lamba fandala egne amity andilanao vaho ty kapa egne atombonao." Ka nataone zay,
nindeha tsy nisiky vaho tsy nikapa.[3]Hoe Yaveh ty hoe:" Manahake ty nindeha Isaia tsy nisiky vaho tsy nikapa
zisike ty telo tao, le famantara vaho talily mikasike i Egypta vaho mikasike i Etiopia zay__[4]amize fomba zay ro
hitariha ty mpanjaka Asyria reo babo Egypta, vaho reo sesen-tane Etiopia, kolo vaho antetre, tsy misiky vaho tsy
mikapa, naho miarake amity voly tsy misaro, ho amity hamegnara Egypta.[5]Hatahotre vaho ho megnatre iereo,
satria nalae Etiopia ty fagnategna iereo naho nalae Egypta ty hasy iereo. [6]Amize andro zay ty vahoake reo sisin-
tane reo le hanao ty hoe:'Loharano ty fagnategnanay kea zay, ze nilaisanay mba hipay fagnampea ho voaavotre
amity mpanjaka Asyria, naho amizao, akore ro hahafahanay milay?"'


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 21

[1]Talily miomba ty tane efetre amoron-driake. Manahake ty talio mamakivaky i Negeva ro hiavia zay mandrio
bakagne agnefetre, bakagne amity tane loza. [2]Fahisaha raty ro namea ahy: ty lahilahy mpamitake le namitake,
naho ty mpandrava le nandrava. Miakara naho tafiho, ry Elama; anovo faherano, ry Mediana; hampijano ty
taraine iaby Raho.[3]Laha zao le feno fanaintaigna ty valahako; fanaintaigna manahake ty taintay ty ampela
miterake ro namehe ahy; nihohoke noho ty zaka reiko raho; nikoronta tamity zaka hisako raho. [4]Torotoro ty
arofoko, mihovitre ty tahotre raho. Ty hariva, andro teako agnate ty andro, le ninday horohoro hoahy.[5]Nagnoma
ty latabatre iereo, vinela iereo ty lamba firakofa ka nihina vaho nino; mitsangana, ry roandrian-dahy, hosoro
diloilo ty ampinganareo.[6]Fa zao ro talily Tompo tamiko hoe:" Mindehana, mametraha lahilahy mpiambe raike; tsy
maintsy mitao ze hisane re. [7]Laha fa mahisake kalese, mpitikitse-soavale roe, mpitikitse borike, naho mpitikitse
kamela re, le tokone hidineke vaho hahay."[8]Nitaray ty lahilahy mpiambe hoe:"Ry Tompo, teo amity tilikambo
fiambena raho le nitsanga zisike ty andro raike iaby, isan'andro, naho teo amity toeram-pitiliko zisike ty hale
iaby." [9]Ingo tamy ty kalese raike miarake amity lahilahy raike vaho mpitikitse soavale roe. Nikaike mafe re nanao
hoe:" Le fa rava Babylona, rava, naho reo sare vonga ty zagnaharene iaby le poteke amity tane."[10]Ry finofoke vaho
sinivako, ana ty tragno fadisanam-bareko! Ze reiko tamy Yaveh tompo ty maro, ty Zagnahare Israely, le fa
natalililiko taminareo.[11]Talily miomba Edoma. Nisy raike nikaike ahy bakagne Seira hoe:" RY mpiambe, ombia ro
ho tampetre ty hale? Ry mpiambe, ombia ro ho tampetre ty hale? [12]Hoe ty mpiambe ty hoe:" Hoavy ty maray naho
ty hale avao kea. Laha magniry ty hamonje riha, le magnotanea; naho miheregna ndraike."[13]Talily miomba
Arabia. Agne amity tane efetre Arabia ro andanianareo ty hale, ry roandrian-Dedanita. [14]Mindaisa rano hoahy ty
marandrano; ry vahoake ao amity tane Tema, salakao amity mofo reo mpifindra-tana. [15]Fa iereo le nilay ty meso,
tamity meso voata, tamity folese voarirotse, naho tamity vesa ty aly.[16]Fa zao ro nirehafe ty Tompo tamiko hoe:" Ao
agnate ty tao raike, manahake ty hisa ty mpiasa tagne kinarama zisike ty tao, le hifara ty hasy Kedara iaby.
[17]Mpanao folese, lahilahy mpialy Kedara tsy ampe sisa ro ho tavela," satria Yaveh, ty Zagnahare Israely, ro le
nirehake.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 22

[1]Talily mikasike ty Baibo ty Fahisaha: Ino ro antone nindehananareo iaby hoagne amireo ambone tragno? [2]Ty
mba hahareizanareo ty tana feno korake vao, tana ze feno fifalea? Ty mate aminao eo le tsy mate ty meso, naho
tsy mate tamity aly iereo.[3]Reo mpandily anao iaby niara-nilay, fa voa alake tsy nampiasa folese iereo; ie iaby le
voa alake niarake, na le nilay lavitre aza iereo. [4]Laha zao le hoe raho hoe:" Ko magnente ahy, fa hitagny mafe le
mafe raho; ko miezake hampiono ahy mikasike ty harava ty anakampela ty ndatiko."[5]Fa misy ty andro ty korake,
fagnosehosea, naho fifanjevoa hoahy ty tompo Yaveh tompo ty maro, ao amity baibo ty Fahisaha, harava reo
manda, naho ty ndaty mikai-kaike mafe agne amireo vohitse. [6]Elama nangalake ty tragnon-jana-polese, niarake
tamity kalese reo lahilahy naho kira nagnafake ty fogno ty ampinga. [7]Fa reo baibo ze finilinao vatane le ho feno
kalese, naho reo mpitiki-tsoavale le hangalake ty toerane eo ambavahady.[8]Nagnafake ty fiaro Joda Re; naho
tamize andro zay riha le nagnente reo zaka-fialia eo amity Lampa ty ala. [9]Nahisake ty manke ty tana Davida
nareo, fa maro reo, naho namory ty rano ty dobo ambane nareo.[10]Nagnisake ty foko Jerosalema nareo, naho
nanonta reo tragno mba hagnamafea ty manda. [11]Namboatre famoria teo agnivo reo manda roe nareo hoahy ty
rano ty dobo faela. Fa tsy mba nidineke ty mpamoro ty tana nareo, ze nagnoma zay zisike ela.[12]Tamize andro zay
ty tompo Yaveh tompo ty maro nikaike fitagnia, fandala, fiharatan-doha, naho fanoa akanjo fandala. [13]Fa ingo, kea
, ty fandaza vaho ty hafalea, ty famonoa agnombe vaho ty famonoa agnondry, fihinan-kena vaho finoman-divay;
ao tika hino vaho hihina, fa ho mate tika hamaray. [14]Zao ro natalily Yaveh tompo ty maro teo antsofiko:" Eka mare
fa tsy henga ze helonareo zay, eka fe na le ho mate aza nareo," hoe ty tompo Yaveh tompo ty maro.[15]Ty tompo
Yaveh tompo ty maro, nitalily zao:" Mindehana mbaeo amity mpitan-draraha, agne amy Sebna, iaze mpandily ty
tragno, naho rehafo ty hoe: [16]'Ino ro ataonao eto naho ia ro nagnomea lala anao hihaly kibory ho ahy ty vatanao,
hagnamboatre kibory egne ambone vaho handavake toera fihisa egne amity vatolampy?"'[17]Ingo, Yaveh le fa
hanorake anao, ry lahilahy mahere, hanorake anao ho ambane; handialia anao mafe vatane Re. [18]Hamerevere
anao vatane Re, naho hampisavoaravoara anao hanahake ty laboly mbaeo amity tane malalake. Agne ro
hifatezanao, naho ho agne kea reo kalese ty hasinao; ho lasa hegnatre hoahy ty tompo ty tragnonao riha! [19]"Ho
roaheko hiala eo amity rarahanao vaho ty toeranao riha. Haonga riha.[20]Amize andro zay Raho le hikaike i
Eliakima mpanompoko anadahy Hilkia. [21]Hampiakanjoeko amity akanjo lavanao re naho hasiako ty santiranao,
naho hafindrako ho eo antagnane ty fahefanao. Ho rae ty vahoake Jerosalema vaho ty foko Joda re. [22]Hatoboko eo
an-tsadrine ty famoha ty foko i Davida; hamoha re, naho tsy hisy hagnily; hagnily re, naho tsy hisy hamoha.
[23]Hatoboko re, hoe ty fihatogna-jaka amity toera azo atonke, naho hizare toeran-kasy hoahy ty fokon-draene re.
[24]Hahanto iereo amine ty hasy ty fokon-draene iaby, ty anane vaho reo fokone, ty fanake kele iaby bakamireo
kapoake zisikamity tavoara iaby.[25]Amize andro zay_zao ro talily Yaveh tompo ty maro_hafaha ty fihatognan-jaka
amity toera mafe ore, ho potehe naho ho lavo, naho ty lanja amizay le ho tampahe_fa Yaveh ro nirehake.

## Chapter 23

1 Ty talily miomba i Tyro: Mitoreova, nareo ry sambo Tarsisy; fa tsy misy na tragno na seragna; bakao amity tane
Sipra ro nagnambara zay tamiereo. 2 Mitsigna, nareo ry vahoake ty morontsirake; fa ty mpivarotre ao Sidona, ze
mindeha sambo amity riake, le fa nameno anareo. 3 Teo ambone reo rano foloay ro nisy ty vare Sihora, ty voka
Neily ro vokane; ka lasa varotre ho ahy reo firene zay. 4 Ao ho megnatre, ry Sidona; fa le nirehake ty riake, le ty
mahere amity riake. Hoe re:" Tsy mboe nihetse-kolo raho na niterake, na nananga ajalahy na niteza ajampela."
5 Ka laha fa niavy tagne Egypta ty talily, le halahelo mikasike Tyro iereo. 6 Mitsake Tarsisy; mitoreova, nareo
vahoake ty morontsirake. 7 Feie vao niseho taminao zay, ry tana fale, te bakamireo andro taloha ro nanombohane,
ze niente ty tombone lavitre agne amireo toera vahiny mba hitoboha? 8 Ia ro nikasa zay handiera Tyro, ty
mpagnomea reo satron-kasy, zay ty mpivarotre le roan-drian-dahy, zay ty mapanakalo le reo ndaty manan-kasy
amiy tane? 9 Yaveh Tompo ty maro le fa nikasa zay mba hagnafa-baraka ty avognavone vaho ty hasine iaby, mba
hahamegnatre reo ndatine manan-kasy iaby amity tane. 10 Asao ty tanenao, manahake ty iasa ty ndaty i Neily, ry
anakampela Tarsisy. Tsy misy tsena sase ao Tyro. 11 Le fa namototre ty tagnane teo ambone ty riake Yaveh, naho le
fa nagnozongozo reo fanjaka Re; le fa nagnomea baiko nikasike i Fenisia, mba handrava reo fiaro mafe Re. 12 Hoe
Re:" Tsy hifale sase riha, ry verijiny ore anakampela Sidona; mitsangana; mitsaha hoagne Sipra; nefa na le agne
aza le tsy hanam-pitofa riha." 13 Henteo ty tane reo Kaldeana. Le fa tsy nisy sase reo vahoake tao; le fa nanao zay ho
efetre ho ahy reo bibin'ala reo Asyriana. Le fa nananga reo tilikambone iereo; rinavane reo lampa zay; nataone
ho atom-pirava zay. 14 Mitoreova, nareo ry sambo Tarsisy; fa le fa rinava ty alonareo. 15 Amize andro zay, le ho
haligno zisike ty fito tao ty Tyro, manahake reo andro ty mpanjaka. Afara ty fara ty fito tao le hisy zaka manahake
ty ao amity antsa ty mpitsangatsanga hiseho ao Tyro. 16 Mangala harpa, mindehana agne amity tana, riha ry
mpitsangatsanga nihalignoe; titiho soa zay, miantsa antsa maro, mba ho tiarove riha. 17 Naho afara ty fito tao, le
hamonje Tyro Yaveh, ka hanomboke hipay vola amity fanoa ty asa ty mpitsangatsanga ndraike re, naho hiasa ho
ahy ty fanjaka ty tane iaby. 18 Hatoka hoahy Yaveh ty tombone vaho ty fanagnane. Tsy havory na haharo ao amity
famoria reo, fa ty tombone le hamea reo ze mitoboke eo amity fiatreha Yaveh naho hampiasae mba hagnampe
iereo amity sakafo tondrake vaho mba hahafaha iereo mahazo ty akanjo soa vatane .


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 24

[1]Ingo, hagnafoa ty tane Yaveh, handrava zay, hahamaike aze naho hizara reo vahoake. [2]Hanahake zay ro hoahy
reo vahoake, ty mpisoro; ty mpanompo, ty tompo, mpiasa antragno; ty tompo vavene, ty mpivily, ty mpamarotre;
ty mpagnomea trosa, ty mpitrosa; ty mpandrambe tombone, naho ty mpagnomea tombone.[3]Ho rava vatane ty
tane naho ho foagna vatane; satria Yaveh ro le fa nirehake ze rehake zay. [4]Maike vaho malazo ty tane, milofike
vaho malazo zao tontolo zao, miharerake ty ndaty malaza ty tane. [5]Maoloto amity alala reo vahoake ty tane satria
le fa nandika ty lily, niota ty lily, naho nivalike tamity fagnenkea maharetre zisikezay iereo.[6]Laha zao le
mandrava ty tane ty ozo, naho meloke reo vahoakene. May reo vahoake ty tane, naho tsy ampe ro sisa tavela.
[7]Maike reo divay vaovao, malazo ty voaloboke, mitempo iaby reo fale agnarofo.[8]Mijano ty feo mandrotsirotsy ty
ampongatampake, vaho ty tabataba reo mifale; mitsahatre ty hafalea amin-dokanga. [9]Tsy mino divay na miantsa
sase iereo, naho ty toake le mafaitse hoahy reo ze mino zay.[10]Rava ty tana ty koronta; mihily vaho foa iaby reo
tragno iaby. [11]Misy korake noho ty divay egne andalambey; maieke ty hafalea, nanjavo ty hafalea.[12]Harava sisa ro
eo amity tana, naho ty vavahady le poteke. [13]Fa hoe zay ro ho amity tane iaby eo amity firene, manahake ty hetae
oliva voatam-pake, manahake ty fitiponam-boaloboke laha fa vita ty fihaza.[14]Hagnakatre ty feone vaho hikaike ty
hasin'Agnahare, naho hikorake an-kafalea bakamity riake iereo. [15]Laha zao le mandaza Yaveh agne antignana,
magnomea hasy ty agnara Yaveh, ty Zagnahare Israely ao amireo nose.[16]Zisikagne ampara ty tane ro
nahareizanay antsa hoe:" Hasy anie hoahy ty mare!" Fa hoe raho ty hoe:" Le fa nihasoa raho, le fa nihasoa raho,
feie! Ty mpamitake le ninday ampitake; egne, ty mpamitake le vatane ninday ampitake vatane."[17]Aminareo ty
tahotre, ty lavake, naho ty fandrike ry vahoake ty tane. [18]Re ze nilay ty feo ty horohoro le ho poke ao andavake,
naho re ze miakatre bakao andavake le hoazo ty fandrike. Hivoha ty varavara ty lagnitre, naho reo fagnoregna ty
tane le hihozo.[19]Ho rava vatane ty tane, hitrerake ty tane; hihozongozo mafe ty tane. [20]Hivembe manahake ty
ndaty mamo ty tane naho hitsingeva manahake ty tragno akato zay. Havesatre amizay ty hadisoane naho hitonta
zay ka tsy hiare sase.[21]Naho amize andro zay le hagnasaze ty miaramila ty agnabo agne ambone, vaho reo
mpanjaka ty tane etoy antane Yaveh. [22]Haharo iereo, gadra ao andavake, naho hitsy ao ampigadra; naho afake
andro maromaro le ho voasaze iereo. [23]Naho le ho megnatre ty vola, naho hoafa-baraka ty masoandro, satria
hanjaka amin-kasy ao ambohitse Ziona vaho ao Jerosalema, naho magnoloa reo taolagnolone Yaveh tompo ty
maro.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 25

[1]Ry Yaveh, Zagnahareko riha; hagnakatre anao raho, hiantsa ty agnaranao raho; fa le fa nanao zaka-mahagaga
riha, zaka le fa vinogno ela, ampatokia vatane. [2]Fa le fa natao ho korotam-bato ty tana, naho ty tana voaaro mafe,
ho harava, naho ty fiaro mafe reo vahiny tsy ho tana. [3]Ka le hagnomea hasy anao reo ndaty mahere; hatahotre
anao ty tana reo firene feno seresere.[4]Fa fitoboha fiaro hoahy ty ndaty mahantra riha, fialofa hoahy ze ore ao
amity fijaleane_fialofa amity tafion-tioke vaho alokaloke amity hafana. Laha hoe ty tafion-tioke handietre ty
rindry ty fofognay reo masiake, [5]naho hoe ty hafana amity tane maike, ro nahareizanao ty kora reo vahiny,
manahake haresea ty aloke ty raho ty hafana le hoe zay kea ro hamalea ty antsa reo masiake.[6]Eto amity vohitse
toy ro tazoa Yaveh Tompo ty maro fagnafara amireo zaka vondrake, amity divay maro karazane, amity laoke bey
solike, fagnafara amity divay le fa nitoboke ela hoahy ty vahoake iaby. [7]Horavae eto amity vohitse toy ty fanakofa
eo amity vahoake iaby, ty tragno kala eo amity firene iaby. [8]Hatelene zisikagne ty fate, naho Yaveh tompo hamafa
ty ranomaso amireo tarehe iaby, hafaha amity tane iaby ty fahafaham-baraka ty ndatine, fa Yaveh ro le fa
nirehake zay.[9]Naho horehafe amize andro zay ty hoe:"Ingo, toy ro Zagnaharentika; le fa nandy aze tika, naho re
hamonje antika. Re ro Yaveh, le fa nandy aze tika, hifale vaho hiravo ty amity famonjeane tika." [10]Fa eto amity
vohitse toy ro hitsahara ty tagna Yaveh; naho Moaba ho voalia-lia amity toerane, na le voalialia ao andavake feno
zezeke aza ty maloto.[11]Namelatre ty tagna iereo teo agnivo zay iereo, hoe ty famela ty mpiagno ty tagnane laha fa
milagno, Fa Yaveh hanjotro ty avognavo iereo na le eo aza ty falaky ty tagna iereo. [12]Ty manda abo fiarovanao le
hoambanene amity tane, ho eo amity deboke.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 26

[1]Amize andro zay ty antsa toy ro antsae agne amity tane Joda: Mana tana mafe zahay; Zagnahare le fa nanao ty
famonjea ho rindry zay vaho tovon-tane fiarone. [2]Vohao ty vavahady, mba hahafaha ty firene mare ze mita finoa
militre ao.[3]Ty say ze mitoboke ao aminao, ho tanenao amity fiadagna vatane re, satria mita aminao; [4]Matokisa
Yaveh zisikagne; fa ao amine Yaveh, ro vatolampy tsy manam-pitampera.[5]Fa hagnambane reo ze mivelo amim-
piavognavogna Re; ty tana manda horoane, Harotrane amity tane; pisahene egne amity deboke zay. [6]Ho voalia ty
tombo ty mahantra vaho ty lia ty ore zay.[7]Voalamy ty lala ty ndaty mare, Ty Mare; ty lala ty mare ahitinao. [8]Eka,
amity lala ty fitsaranao, ry Yaveh, ro andignasanay anao; ty Agnaranao vaho ty lazanao ro fagnirianay. [9]Many
anao raho tamy hale; eka, mipay anao mafe ty fagnahy amiko ato. Fa laha fa avy etoy ambone ty tane ty
fitsaranao, le hahay ty mare ty vahoake ty tane.[10]Ao hatoro amity raty fagnahy ty hasoa, nefa tsy hahay ty mare
kea re. Agne amity tane ty fahitia ro hanoroane haratia ka tsy mahisake ty hasy Yaveh.[11]Ry Yaveh, miakatre ty
tagnanao kanefa tsy hay iereo vatane. Nefa ho hisa iereo ty zoton-arofonao amity vahoake ka hagnafa-baraka,
satria handrava iereo ty afo reo mpifanao aminao. [12]Ry Yaveh, hinday filamina ho anay Riha; fa mare, le fa
nahavita reo asanay ho anay riha.[13]Ry Yaveh Zagnaharenay, tompo hafa maro hafa tsy riha ro le fa nandily
taminay eo; nefa ty agnaranao arere avao ro lazaenay. [14]Mate iereo, fa tsy mba ho velo; nimate iereo, fa tsy mba
hitsanga. Avy tamity fitsara vatane Riha naho nandrava iereo, ka nandrava ty fahatiarova iereo iaby.[15]Le fa
nanombo ty firenene Riha, ry Yaveh, le fa nanombo ty firene Riha; amean-kasy Riha; le fa nagnabey reo faritre ty
tane iaby Riha.[16]Ry Yaveh, tamity horohoro ro nagnentea iereo anao; nibisike vavake iereo laha fa tao amiereo ty
fagnanaranao. [17]Manahake ty ampela bevoka feie marine andro hiteraha, amity andro mampihetse-kolo aze ka
mitaray amity haterane, le manahake zay kea zahay eo agnoloanao, ry Tompo.[18]Le fa ninday vesatre zahay, le fa
nihetse-kolo zahay, nefa zay le manahake ty miterake tioke avao. Mboe tsy ninday famonjea tamity tane zahay,
naho mboe tsy poke reo vahoake ty tane.[19]Hitsanga ty mate ao aminao; hitsanga ty fate iereo. Hifoha ka hiantsa
hafalea, riha ze mitoboke amity deboke; fa ty mikanao le mika-pahazava, naho ty tane hinday efatre ambone reo
mate amine ao.[20]Mindehana, ry vahoakeko, milira agne agnefetragnonareo, ka hilio reo varavaranareo; mihaja
ao agnate ty andro tsy ampe, mandram-pivita ty heloke. [21]Fa, ingo, Yaveh le fa mba hiala bakao amity toerane
mba hagnasaze ty vahoake ty tane noho ty helo iereo; hanoro ty fampipohan-dio ty tane, naho tsy hagnetake sase
ty fate amine ao.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 27

[1]Amize andro zay Yaveh le hagnalilo ty Leviatana tsy misy antone, amity mesone mafe, bey naho masiake, ty
menara mitamporetre, naho hamono ty biby mampitahotre ze ao agnate riake. [2]Amize andro zay: ty tanem-
boaloboke ty divay: hiantsa ty amizay. [3]"Zaho, Yaveh, Zaho ro mpiaro zay; manondrake zay mateteke raho.
Miambe zay andro aman'ale raho ka tsy hisy afake hanimba zay.[4]Hehe, tsy meloke raho, na nisy akata vaho fatike
aza! Hindeha handietre iereo amity aly raho. Horoako miarake iereo; [5]laha tsy hoe mipiteke amity fiaroko iereo
naho milongo amiko; ao iereo hilongo amiko.[6]Amity andro hoavy, le hangalake taho Jakoba; hamogne vaho
hitsimoke ty Israely; naho hameno magnera ty tane amity voane iereo."[7]Feie nagnisy Jakoba vaho Israely
manahake ty nagnisiane reo firene ze nagnisy iereo vao Yaveh? Feie vao vinono manahake ty famonoa reo firene
ze vinono iereo ty Jakoba vaho Israely? [8]Amity metatre maray toe le fa nalahanao, nandroaha Israely vaho
Jakoba; nientene tagne lavitre miarake amity tio-maherene iereo, tamity andro ty tioke antignana.[9]Ka laha zao,
ho voa onetre amizay ty helo Jakoba, fa zao ro ho vokatre iaby tamity nagnafaha ty hadisoane: Laha fa hanao reo
alitara vato manahake ty tsaoke ze nivoapotepoteke re, naho tsy hisy hitoboke hitsanga ty baon'Aseraha na reo
alitara ty liten-ketae magnitre.[10]Fa ty tana nihamafe le ho lany, ty toera le ho maike naho hafoe manahake ty
efetre. Ao ro hamaha ty anak'agnombe, naho ao ro handreane vaho handravane reo tahone. [11]Laha fa malazo reo
tsorane, le hotampahe iereo. Hoavy ty ampela ka handrehetre afo amiereo, fa tsy ndaty ty hazavan-tsay toy. Ka,
tsy hana fiferegnay amiereo ty Mpahare aze, naho ze nanao aze le tsy hana fandefera amiereo.[12]Amize andro zay
le hisy fagnintsaha bakagne amity rano Eofrata ka zisikagne amity baibo Egypta ty hataonao vaho Yaveh, ry
vahoake Israely, le havory hiarake kirai-kiraike. [13]Amize andro zay, le hotiofe ty trompetra bey; naho hoavy ty
rava bakagne amity tane Asiria, vaho ze voaroake tamity tane Egypta, hagnomea hasy Yaveh egne ambohitse
masy agne Jerosalema.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 28

[1]Loza ty satron-kasy folera ty rehareha reo mpinon-toake ao Efraima, vaho ty folera malazo ty hasoane bey hasy,
ty satron-kasy ze atoboke eo andoha ty baibo maintso mava reo ze azo ty divay! [2]Ingo, ty Tompo le mandefa ze
foloay vaho mafe; manahake ty tafion-tiok' avandra vaho taion-tioke mandrava, hoe ty ora mitarike vaho rano
manafotre; naho hanorake ty satron-kasy folera kirai-kiraike ho amity tane Re.[3]Ho lia liae ambane tomboke ty
folera rehareha reo mamolava Efraima. [4]Ty folera malazo ty hasoane bey hasy, ze eo andoha ty baibo lonake, le
hanahake ty aviavy mialen-tao aloha ty lohatao, zay, laha fa hisa ty ndaty zay, laha eo antagnane zay, le atelene.
[5]Amize andro zay Yaveh tompo ty maro le ho lasa satron-kasy soa tarehe vaho diadema ty hasoa hoahy reo sisa
tavela amity vahoakene, [6]fagnahy ty rarene ho aze ze mitoboke amity fitsara, naho here hoahy reo ze
mampimpoly reo fahavalone eo ambavahady iereo.[7]Fa na le reo aza le midoladola amity divay, naho mivembe
amity zaka-finome mahere. Ty mpisoro vaho ty mpaminane le adoladola ty zaka-finome mahere, naho atele ty
divay iereo. Mivembe amity zaka-finome mahere iereo, mivembe amity fahisaha naho midoladola amity fanam-
pahan-kevetre. [8]Feno vatane ty latabatre iaby, ka tsy misy toera malio.[9]Aminia ro hampianarane fahaia, naho
aminia ro hagnazavane ty talily? Amireo ze vaho nisara-nono vao? [10]Fa baiko miampe baiko, baiko miampe baiko
zay; fotsipeke miampe fotsipeke; fotsipeke miampe fotsipeke; kele eto, kele eroa.[11]Miarake amity sogny magnaraty
vaho rehake vahiny vatane ro hirehafane amity vahoake toy. [12]Taloha Re le nirehake tamiereo hoe:"Toy ro fitofa,
ameo fitofa ze rerake; naho toy ro famelombeloma," fa tsy nidranjy iereo.[13]Ka ho baiko miampe baiko, baiko
miampe baiko; fotsipeke miampe fotsipeke, fotsipeke miampe fotsipeke; kele eto, kele eroa amiereo ty safa Yaveh;
mba hindeha iereo naho hitonta, naho ho simba, voafandrike, naho voatrepake.[14]Ka dranjigno ty safa Yaveh,
nareo ze magnaraty, nareo ze mandily amity vahoake ze ao Jerosalema toy. [15]Hiseho zay satria nirehake nareo
hoe:" Nanao fagnenkea tamity fate zahay, naho nanao fifagnaraha tamity fiaigna tsy hisake. Ka laha mandrio eo
ty karavasy manafotre, le tsy hahazo antika zay. Satria tika nanao ty vande hiaro antika, naho ty fitake ho
reharehantika."[16]Laha zao Tompo Yaveh le manao ty hoe:" Ingo: Hagnore fototre ao Ziona raho, vato voasedra,
vato fehezoro lafovily, fototre azo antoke. Ze mino le tsy ho megnatre.[17]Hataoko fotsipeke ty fitsara, naho pilao ty
hamarea. Hamafa ty fialofa reo vande ty havandra, naho hanafotre ty toera mihaja reo ton-dra-drano.[18]Ho rava ty
fagnenkea nareo tamity fate, naho tsy hitsanga ty fifagnarahanareo tamity fiaigna tsy hisake. Laha fa mandrio ty
tondran-drano misavoravora, le ho feno zay nareo. [19]Na mbia na mbia handriogna zay, le hameno anareo zay,
naho isa-maray le handrio zay naho hoavy andro aman'ale zay. Laha fa azo ty talily, le hagnorohoro zay.[20]Fa bory
loatre ty fandrea laha hihitia ty ndaty, naho kele loatre hoaze ty fisafora laha hanaroma ty vatane." [21]Hitsanga hoe
ty Hohitse Perazima Yaveh; hanaitre ty vatane hoe ty tane amity Baibo Gibeona Re mba hanao ty asane, ty asane
tsy mahazatre.[22]Laha zao are le ko magnaraty, laha tsy zay le ho henjagne ty fehea nareo. Le fa naharey lily
famoteha eto antane tamy Tompo Yaveh tompo ty maro raho.[23]Mifantoha ka ndranjigno ty feoko; midranjigna soa
naho dranjigno ty rehako. [24]Feie vao miasa tane avao ty mpambole ze miasa tane andro raike mba hamafe?
Mitombon-doha zisikagne vaho manao benga ty baibo vao re?[25]Laha fa baka nagnoma ty tane re, feie vao tsy
mizara ty voa ty nigela, mamafe ty komina, mametrake ty vare tritike milahatre naho ty vare hordea amity toera
voamare, naho ty ampemba egne amity sisine re? [26]Magnanatre aze ty Zagnaharene; magnanatre aze ampimarea
Re.[27]Fagnampe zay, tsy fofohe amity vy ty nigela, na aotake amity Komina ty laro ty sarete; fa fofohe amity
fantaka ty nigela, naho amity hetae ty Komina. [28]Kosehe atao mofo ty vare nefa tsy manify loatre, naho na le
mizara zay aza reo laro ty kalesene vaho reo soavalene, le tsy mandia zay reo soavalene.[29]Reo kea le bakamy
Yaveh tompo ty maro, ze soa amity fagnanara naho soa le soa amity famarea.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 29

[1]Loza Ariela, Ariela, ty tana nitobea Davida! Ampeo tao ty tao; ao hiheren-kere ty andro fifalea. [2]Fa hanao
faherano Ariela Raho, ka handala vaho hitagny re; naho hanahake Ariela re Amiko.[3]Hitobe magnodidy anao Raho
vaho hametrake faherano hanemetre anao, naho hananga manda handietre anao Raho. [4]Hoambane riha ka
hirehake egne amity tane; ho ambane bakegne amity deboke ty rehanao. Hanahake ty angatre miakatre ao amity
tane ty feonao, naho ty rehanao le haleme vatane bakao amity deboke.[5]Reo malaso mpanafike anao le hanahake
ty deboke malineke, naho maro amireo ze masiake ro hanahake ty akofa ze velo. Hiseho tampoke zay, ao agnate
ty andro tsy ampe. [6]Hoavy ao aminao miarake amity hotron'ora, horohoron-tane, tabataba bey, miarake amity
tioke-mahere vaho tafion-tioke, naho lelan'afo mandrava Yaveh.[7]Hanahake ty nofy, fahisaha amity hale zay: Ty
malaso ty firene iaby hialy handietre Ariela vaho ty fiaro mafene. Hanafike aze iereo naho ty fagnamafesane
hisere aze. [8]Hanahake ty lahilahy kere te magnonofy mihina, kanefa laha fa mifoha re le kere ty trone. Hanahake
ty ndaty maran-drano te magninofy mino, kanefa laha fa mifoha re le rerake, vaho tsy afake aran-drano. Eka, ho
hoe zay ty firene bey maro ze mialy handietre ty vohitse Ziona.[9]Ataovy hisake ty vatanareo ka ao ho hisake;
tampeno ty masonareo ka ao ho goa! Ao ho mamo, kanefa tsy amin-divay; ao hivembe, kanefa tsy amity toake.
[10]Fa Yaveh le fa nagnily ty fagnahy ty roronao laleke tao aminareo. Le fa nagnily ty masonareo Re, ry mpaminane,
naho le fa nanako ty lohanareo, ry mpahisake.[11]Reo talily iaby taminareo le fa manahake ty soratre ao amity boke
ze voatombo-kase, ze mete hamea ty ndaty iaze raike ze nanare, ka hatao ty hoe:" Vakio toy." Re kea le manao ty
hoe:" Tsy azoko atao, satria voatombo-kase toy." [12]Laha amea ty raike ze tsy mahay mamaky ty boke, ka hatao ty
hoe:" Vakio toy," le ie hanao ty hoe:" Tsy mahay mamaky raho."[13]Ty Tompo nanao ty hoe:" Mamonjea ahy amity
vavake reo vahoake reo naho mandaza ahy amity sogny iereo, kanefa lavitre ahy ty arofo iereo. Ty fandaza iereo
ahy le lily reo ndaty ze nanare avao. [14]Laha zao, ingo, hiakatre hanao zaka-mahagaga eo amireo vahoake reo
raho, hagaga orihe fahagaga. Ho foa ty hamarea ty ndaty maregniereo, naho hanjavo ty hazavan-tsay ty ndaty
maregniereo."[15]Loza reo ze magnaja laleke ty fikasa amy Yaveh, vaho reo ze miasa ao agnate ieke. Hoe iereo ty
hoe:" Ia vao ro mahisake anay, naho ia ro mahay anay?"[16]Mampivali-draraha nareo! Tokone hihere ho tanemanga
vao ty mpanao tave, mba hahafaha reo zaka ze namboare mirehake mikasike aze ze nagnamboatre zay ty hoe:"
Tsy nanao ahy re," na ty zaka dinineke hirehake miomba ty nandineha aze ty hoe:" Tsy mahay re"?[17]Tsiela tsiela
avao, le hizare baibo ty Libanona naho ty baibo ho ala. [18]Amize andro zay le haharey ty reha ty boke ty maregne,
naho ty maso ty goa le hahisake ao amity iem-pito. [19]Ty ore le hifale ao amy Yaveh ndraike, naho ty mahantra eo
amireo ndaty le hifale ao amity Raike Masy Israely.[20]Fa reo masiake le hijano, naho ty mpagnaraty le hanjavo. Reo
iaby ze tea manao raty le ho ravae, [21]amity meso ro hagnafaha ty ndaty amity mpanao raty. Mametrake fandrike
hoaze ze mikatrake ty rarene eo ambavahady vaho mametrake ty mare eo amity vande avao iereo.[22]Laha zao le
ezao ty safa Yaveh mikasike ty foko Jakoba_Yaveh, ty nagnavotre Abrahama:" Tsy ho megnatre sase ty Jakoba, na
hivalike ty tarehene. [23]Kanefa laha fa mahisake ty anane re, ze asa ty tagnako, le hagnamasy ty agnarako iereo.
Hagnamasy ty agnara ty Raike Masy Jakoba iereo naho hitsanga amin-tahotre an'Agnahare Israely. [24]Reo ze mivio
fagnahy le mboe hahazo hazavan-tsay, naho reo mpitaray le hahazo fahaia."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 30

[1]"Loza hoahy reo kolo mpavande," Zay ro talily Yaveh." Manao dineke iereo, fa tsy bakamiko; manao filongoa
amity firene hafa iereo, feie tsy tinoro ty fagnahiko lala, ka le magnampe hadisoa amity hadisoa iereo. [2]Mivogno
ty hombaeo Egypta iereo, feie tsy nangatake ty toro-lalako. Mipay fiaro bakamy Farao iereo naho mialoke ao
amity alo Egypta.[3]Laha zao le ho hamegnaranareo ty fiaro Farao, naho ty aloke eo amity alo Egypta, ho
fahafaham-baraka nareo, [4]na le agne Zoana aza ty roandria iereo, naho niavy tagne Hanesa reo mpinday taliline.
[5]Ho megnatre iaby ie iaby noho ty amity vahoake raike ze tsy afake-magnampe iereo, te vaho tsy fagnampea ro
tsy famonjea, fa hamegnara, naho fahafaham-baraka vatane aza."[6]Talily miomba reo bibin'ala Negeva: Bakamity
tane ty fijalea vaho Loza, liona vave vaho liona lahy, ty menara vaho ty mere mirehetre mitily, ro hindaisa iereo
ty hareane eo andambosy ty borike, naho ty rakene eo amity voho ty rameva, ho agne amity vahoake te tsy afake
magnampe aze iereo. [7]Fa tsy misy antone ty fagnampea Egypta; laha zao le nataoko ty hoe Rahaba re, ze
mitoboke tsy mihontse.[8]Mindehana amizao, sorato eo amity fagnatrefa iereo amity vato pisake zay, naho anovo
ao amina sare-sare, mba ho voa hajary ho amity andro magnarake ho vavolombelo. [9]Fa vahoake mpavande reo,
kolo mpavande, kolo toe tsy mba haharey ty fagnanara Yaveh.[10]Hoe iereo amity mpahisake hoe:" Ko mahisake;"
naho amireo mpaminane ty hoe:" Ko maminane ty mare aminay; mirehafa rehake mitsiriry aminay, maminania
nofinofy. [11]Miotaha hiala amity lala, miotaha amity lala; anovo mijano mirehake eo agnoloa ty tarehenay ty Raike
Masy Israely."[12]Laha zao le hoe ty Raike masy Israely ty hoe:"Satria milietre ze rehake zao nareo naho matoky ty
fampijalea vaho fitake ka miarake amizay, [13]ka ze andro zay le hanahake ty zaka vaky te vogno hitonta aminao,
manahake riatre eo amity rindry agnabo ze ho tampoke ty fitontane, ao agnate ty andro kele.[14]Ho vakie
manahake ty fivakia ty finga ty mpanefe tanemanga zay; tsy hiaro zay re, ka tsy hisy potene ho hisake eo amireo
vakine ze azo hagnafaha ty afo bakao ampata, na hamoara ty rano bakao amity sinibein-drano.[15]Fa zao ro safa
Tompo Yaveh, Ty Raike masy Israely:" Ho avotre amity fiheregna vaho fijanogna nareo; amity fitsigna vaho
fatokia ro ho herenareo. Feie tsy manam-pagniria nareo. [16]Hoe nareo ty hoe:' Aha, fa nilay amity soavale zahay,'
ka le hilay nareo; naho,'Hitikitse soavale malaky lia zahay,' ka le halaky lia reo ze magnia anareo.[17]Arivo ro hilay
noho ty fampitahora ty raike; amity fampitahora ty dime ro hilaisanareo mandram-pahavy ty sisa tavela
aminareo hanahake ty tahon-jozoro egne ambone vohitse, na manahake ty zozoro egne amity tazoa."[18]Fa mboe
mandy ty handefetre aminareo Yaveh, laha zao le vogno ty hanoro fiferegnay aminareo Re. Fa Yaveh le
Zagnahare ty rarene; sambatre reo ze miambe aze. [19]Fa hisy vahaoke hitoboke agne Ziona, agne Jerosalema, naho
tsy hitagny sase nareo. Handefetre amity feo ty taray nareo vatane Re. Laha fa reine zay, le hamale anareo Re.[20]Na
le magnomea anareo ty mofo ty aly sarotre vaho ty rano ty fampijalea aza Yaveh, na le zay aza, le tsy hihaja sase
ty mpagnanareo, fa hahisake ty mpagnananareo amity masonareo vatane nareo. [21]Ty sofinareo haharey rehake
baka afaranareo hanao ty hoe:" Toy ro lala, amity mindeha," na miotake hoamity ankavana na miotake ho amity
ankavia nareo.[22]Ho tsinontsinoe nareo reo sare sokinareo ze rinakoke volafoty vaho reo sare mitily volamena.
Harianareo manahake ty vorodamba ty falim-bola zay. Hirehake amirey nareo ty hoe:" Miala eto."[23]Hagnomea
ora hoahy ty volenareo Re laha fa mamafe egne amity tane nareo, naho mofo mitobatobake bakamity tane, naho
ty vokatre le hitobatobake. Amize andro zay le hiraoke egne amity akata mivelatre reo biby harenareo. [24]Reo
agnombe vaho reo borike, ze miasa tane, le hihina ty voaisy sira ze kinororoke tamity fangaly vaho ty fangaly
fanjaitre.[25]Egne amity vohitse agnabo iaby vaho ty tazoa ambone iaby, le hisy baibon-driake hily naho rano
mindeha, amity andro ty famonoam-bey ze hitonta ty tilikambo. [26]Hanahake ty hazava ty masoandro ty hazava ty
vola, naho ty hazava ty masoandro le hamiratre impito-hene, manahake ty tara-masoandro ty andro fito.
Hamehe ty fanorotoroa ty ndaty Yaveh naho hagnafake ty fere ty namereane iereo.[27]Ingo, ty agnara Yaveh le avy
bakagne amity toera lavitre, mirehetre amity helone vaho deboke mateve. Feno havignira ty sognine, naho ty
lelane le manahake ty afo mandrava. [28]Ty fofognaine le manahake ty fikija ty riake ze mahatratre zisikagne amity
vozo kele, mba haniva ty firene amity siva ty fandrava. Ty fofom-piaine le hisatre amity valagnora ty ndaty mba
hahavy iereo hirererere.[29]Hana antsa hoe ty amity hale hiambena ty fifalea masy nareo, naho fifaleam-po,
manahake ty amity findeha ty ndaty miarake amity sody ho egne ambohy Yaveh, ho eo amity Vatolamy Israely.
[30]Hatao Yaveh rie ty famirapirata ty feone naho hatorone ty fihofahofa ty sandrine amity heloke mirehetre vaho
lelan'afo, amity tafion-tioke, oram-baratre, naho havandra.[31]Fa amity feo Yaveh, le hitonta Asyria; hagnisy iereo
amity tehe Re. [32]Ty fofoke iaby amity tsila-ketae voatendre ze hatobo Yaveh amiereo le hiaraha ty feon'amponga
tampake vaho valiha eo am-pitolognane vaho hialiane amiereo.[33]Fa misy toera fagnoroa voaoma hatra niela. Eka
mare, voaoma ho ahy ty mpanjaka zay, naho nataon'Agnahare laleke vaho malalake. Le fa vogno amity afo vaho
hetae bey le bey ty antontane. Ty fofognay Yaveh, manahake ty fandria ty solifara, le handrehetre zay.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 31

1Loza hoahy reo ze mindeha agne Egypta hipay famonjea vaho mitama amireo soavale, naho mita amireo kalese
(fa maro reo) naho amireo mpitiki-tsoavalene( fa tsy voaisake iereo). Nefa tsy mba mitama Ty Masy Israely, na
mipay Yaveh iereo! 2Kanefa mare Re, naho hinday loza Re ka tsy hagnafoa reo rehane. Hitsanga handietre ty foko
raty vaho handietre ty mpamonje reo ze manonta Re.3Ndaty Egypta fa tsy Zagnahare, nofo ty soavale iereo fa tsy
fagnahy. Laha fa mamototre ty tagnane Yaveh, ty ndaty ze mamonje le ho tafintohy, naho ty ndaty ze vonje le ho
tonta; sambe hiara-ho mate ie roe.4Zao ro safa Yaveh tamiko:" Manahake ty liona, na ty ana-diona, mitsero amity
paiane, laha fa kaihe handietre zay ty mpiarake agnondry, le tsy hihovitre amity feo iereo zay, na hikisake amity
kora iereo; le manahake zay ro hizotroa Yaveh Tompo ty maro hialy eo ambohitse Ziona, eo amize tazoa zay.
5Manahake ty voro manomba, ro hiarova Yaveh Tompo ty maro Jerosalema; hiaro vaho hamonje Re laha mandrio
eo amizay naho magnajary zay. 6Miheregna amine ze le fa nihodignanareo mafe, ry vahoake Israely. 7Fa amize
andro zay ty kirai-kiraike iaby le hagnafake reo sampe volafotine vaho reo sampe volamenane ze natao ty
tagnanareo avao tamim-pahadisoa.8Naho ty Asyriana ho lavo ty meso ze tsy mba ahy ty ndaty ro handrava aze.
Le hilay ty meso re, naho ty ajalahine hampanoe fanompoa mafe. 9Naho iereo le robake fatokia noho ty tahotre,
naho reo mpandily aze hivalike arofo eo agnoloa ty fagneva Yaveh_ Izay le talily natao Yaveh_ Ze mana ty afone
ao Ziona vaho ty fatane fagnoroa ao Jerosalema."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 32

[1]Ingo, ty mpanjaka le hanjaka amity hamarea, naho ty roandrian-dahy le handily amity rarene. [2]Ty kirai-kiraike
iaby le hanahake ty fialofa amity tioke naho ho aloke amity hotroke, manahake ty rano velo amity toera maike,
manahake ty alo ty vatolampy bey agne amity tane ty hareraha. [3]Naho ty maso reo ze mahisake le ho poahe, naho
ty sofy reo ze maharey le hidranjy soa.[4]Reo kele say le hidineke soa amity hazavan-tsay, naho reo mibedabeda le
hahay hirehake mahity soa. [5]Ty gege le tsy ho kaihe sase hoe soa, na ty mpamitake ho hajae. [6]Fa ty gege le
hirehake hagegea, naho ty arofone le hanao heve-draty vaho hanao asa mihatsaravelatsihy, naho hirehake diso
handietre Yaveh re. Hahakere reo kere re, naho hahavy reo marandrano tsy hana zaka hinome.[7]Raty reo fomba
ty mpamitake. Midineke heve-draty re mba hanimba ty mahantra amity vande, na le mirehake ze mare aza ty
mahantra. Fa ty ndtay soa kea le manao hevetre soa; naho reo dinene soa le hosoa re.[9]Mitsangana, ry ampela tsy
manano-sarotre, naho dranjigno ty feoko; ry ampela tsy midineke, dranjigno raho. [10]Fa afake herentao
farafahakelene le ho rava ty fatokianao, ry vampela tsy midineke, fa tsy hisy ty fihazam-boaloboke, tsy hoavy ty
famoria.[11]Mihovitre, ry ampela tsy manano-sarotre; ao hihovitre, riha ze matoky; efaho reo akanjo manifinao
naho ao riha hiborida; naho asio lamba fandala ty valahanao. [12]Hitoreo amireo baibo soa riha, hoahy reo
voaloboke mamokatre. [13]Ty tane ty vahoakeko le ho feno reo fatike vaho reo here, eka fa na le ty ao amireo tragno
mahafale iaby ao amity tana ty fifalea aza.[14]Fa ty lampa le hafoe, ty tana feno vahoake le ho foa; ty tazoa vaho ty
tilikambo le ho lava-bato zisikezay, hafalea hoahy reo borike le, akata maintso hoahy reo agnondry aman'ose;
[15]mandram-pizotroa ty fagnahy bakagne amity agnabo amintika, ka ty tane efetre le hizare baibo mamokatre,
naho ty baibo mamokatre le dinehe hoe ty ala.[16]Naho hitoboke ao amity tane efetre ty rarene; naho ty hamarea
hitoboke ao amity baibo mamokatre. [17]Ty asa ty hamarea le ho filamina; naho ty voka ty hamarea, le fitsigna vaho
fatokia zisikagne. [18]Ty vahoakeko le hitoboke ao amity fitoboha feno filamina, ao amireo tragno azo antoke, naho
ao amity toera ambalike fitofa.[19]Kanefa laha misy reo havandra le ho simba ty ala, ka le rava vatane ty tana, [20]riha
ze mamafy egne agnila reo onja le ho voatahy, riha ze magnakatre reo agnombenao vaho reo borikenao mba
hiraoke.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 33

[1]Loza ho anareo, ry mpandrava ze tsy mboe rinava! Loza hoahy ty mpamadike ze tsy mboe nivaliha iereo! Laha
mihanto amity famoteha nareo, le ho potehe! Laha mihanto amity famadiha nareo, le hivaliha iereo.[2]Ry Yaveh,
mandefera aminay; mandy anao zahay; ao mba ho sandrinay isa-maray, naho famonjeanay amity andro fijalea.
[3]Agnate ty feo mafe ro hilaisa ty ndaty; laha fa mitsanga Riha, le mizara reo firene. [4]Naleve manahake ty valala
nivory ty babonao; manahake ty fifagnaretsa reo valala, ro ifagnaretsaha ty ndaty amizay.[5]Nakare Yaveh.
Mitoboke agne amity toera agnabo Re. Ho fenoene amity fitsara vaho hamarea ty Ziona. [6]Ho filamina amity andro
nareo Re, famonjeam-bey, hamarea, naho fahaia; ty fatahora Yaveh ro hareane.[7]Ingo, reo ira iereo mitaray eo
andala; mitagny mafe reo irake manantena filamina. [8]Foa reo lalambey; tsy misy mpindeha sase. Rava ty
fagnekea, tsinontsinoe reo vavolombelo, naho tsy voahaja ty maha-ondaty.[9]Mandala ty tane naho milofike;
megnatre Lybanona naho maike; Sarana le manahake ty gebo maike; naho magnintsa ty ravene ty Basana vaho
Karmela.[10]"Amizao hitsanga Raho," Hoe Yaveh;" amizao hakare raho; amizao ho egne amity agnabo Raho.
[11]Manorotoro ty voam-bare nareo, naho miterake mololo; afo mandrava anareo ty fofo gnay nareo. [12]Ho voa oro
reo ndaty, manahake ty fatike tinampake vaho noroa.[13]Nareo ze lavitre, dranjigno ze le fa nataoko; naho nareo ze
marine, ekeo ty hereko." [14]Matahotre reo mpanonta agne Ziona; fangovita ro le fa nahazo ty mpihatsaravelatsihy.
Ia amintika ro afake hijano amity afo mandrava? Ia amintika ro afake hijano eo amity fireheta zisikagne?[15]Ire
iaze mandeha amity fahitia ay naho mivola moramora; Ire iaze nagnafoa ty tombo ty fijalea ay, ze milietse ty
handrambe ty afera, ze tsy manao tete draty heloke bevata fampipohan dio, vaho tsy mila ty raty-[16]hanoene amity
abo vatane ty fitobohane; ty pilasy fiambenane le ho fiaro mafe amity harambato; ty hanene naho ty ranone le ho
feno Zara.[17]Ty masonareo le hahisake ty mpanjaka amity hasoane; hiambe tane malalake iereo. [18]Ho tsaroe ty
fonareo ty tahotse; Aia ty mpanora dily, aia re ze nibabe ty vola? Aia re ze nagnisake tilikambo reo? [19]Tsy
hahisake ty ndaty pandietse anareo sasy inareo, ndaty hafa fivola ze tsy takanareo.[20]Henteo Ziona, itana ty
hafalea tika ay; hahisake ani Jerosalema manahake ty ndaty milamy ty masonareo, lay tsy mba hafahe, tsy ho
voaombotse mihintsy ty tsato ketae na ho tampake ty kofehene. [21]Fa kea, hiarake aman-kere amintika ty Yaveh,
amity pilasy antsisy ty rano naho lakan drano. Tsy hisy sambo hahazo mindeha amy zay, vaho tsy hisy sambo
bevata hamakivaky izay.[22]Fa Yaveh ro mpitsara antika, Yaveh ro mpagnomey lily antika, Yaveh ro mpanjaka tika;
vaho hamonje antika re.[23]Mitsiraviravy fagnodikodiagnareo; tsy hae hitanjake ty hetae lava amity pilasine reo;
tsy hae hagnaparitaha ty lay reo; lahafa Zinara indevoy bevata ay, ndra le ty voavoa aza haninto indevoy. [24]Tsy
hivola ty ndaty tihoe: "Marare raho; " ty ndaty mitoboke agne le ho henga ty hadisoa gniereo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 34Toko faha 34

[1]Magnatogna marikitse, inareo firene, vaho minjajigna, mifantoha, inareo vahoake! Ty tane naho ze mameno izay
le tsy maintsy minjajy, ze iaby zao, naho ty zaka iaby amigny zay. [2]Fa meloke amity firene iaby Yaveh, vaho
meloke amity miaramila gniereo iaby; nadrava iereo vatane re, nagnomey iereo tan tagna ty mpamono re.[3]Reo
vata manintsy gnireo ze mate le hatorake ambalike agne. Ty fofone maimbo gny fate reo le ho egne iaby; vaho
vohitse reo ho vonto ty lio gniereo. [4]Ho rava iaby ty kinta ty lagnitse, vaho ty lagnitse le hihoro manahake ty
horogna; vaho ty kintane iaby le ho rava, manahake ty rave maleme mihintsa amity tahom boaloboke, naho
manahake ty aviavy lo mihintsa amity hetae n'aviavy.[5]Fa lahafa mamo ty lione andagnitsagne ty mesoko; ingo,
amizao hizotso a Edoma agne zay, amity vahoake ze hatokako amity fandrobaha. [6]Ty meso gn'Yaveh le mitete lio
naho feno vondrane, feno ty vondra ty voa gnireo agnodry lahy. Fa mana raketse a Bozra ao naho vono bevata
amity tane Edoma ty Yaveh.[7]Ho vonoe miarake amy gniereo ty agnombe ly, naho vanto n'agnombe miarake amy
fa antetse reo. Ty tane gniereo le ho mamon-ndio, vaho ty lembone le vondra ty vondrane.[8]Fa ho andro femalea
gn'Yaveh zay naho ho tao famaleane ty amy Ziona. [9]Ty rian drano gny Edoma le hizare linte mirehetse.
[10]Hirehetse hale naho atoandro zay; ty setro gnizay le haharetse zisikagne; amity foko mifandimbe le ho tane
maike zay; tsy hisy ndaty handrio amy gnizay zisikagne.[11]Fa vorondy naho bibily reo ro hitoboke agne; ty
vorondolo naho ty goaika ro hanao ty tragnone amignizay ao. Vaho hohenjagne amy zay ty taly famentara ty
hapoteha naho ty fantso drano fandrobaha. [12]Ndaty sahazan kasy reo le tsy hana zaka ho tavela ho kaihe tihoe
fanjaka, vaho ty roandriandahy iaby le tsy hasia dikane.[13]Fatike ro hitiry amy lapane reo eo, voaroy naho amiana
ro amity tragno fiarone eo. Ho fitoboha gnireo amboa ly zay, naho pilasy ostritsa reo. [14]Ty bibily naho Kare reo ro
hifanoje agne, vaho osidia reo ro hifampikaike agne. Ty bibily ty hale ro hagnore pitoboha agne ka hahisake
pilasy pitofa hoe iereo. [15]Vorondolo reo hanao hamboatse tragnone, hagnatoly naho Hamana atoline reo, Hamana
vaho hiambe anane reo. Mare, agne ro hivoria papango reo, ty kiraidraike miarake amity ragnene iaby.[16]Ilao
amity fognosa taratasy ao ty Yaeh, fa tsy misy raike amy reo tsy ho ao. Tsy misy tsy hana ragnetse, fa ty vavane ro
mandily izay, vaho ty fagnahine ro mamory iereo. [17]Nanao filoka ho ahy ty pilasine iereo re, vaho ty tagnane ro
nagnamentatse izay tamity taly hoe iereo. Ho Tompo zay zisikagne iereo; zisikamity zafeafe mifandimbe ro
hitoboha gniereo agne.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 35Toko faha 35

[1]Ty tane efetse naho maike le hifale; vaho ty tane maike hifale naho hamole. Manahake ty raozy, [2]hitiry bey zay
vaho hifale amity hafalea naho ty antsa antsa; ty hasy gny Libanona le hamea zay, ty hasoa tarehe gny Karmela
naho Sarona; hahisake ty hasy gn'Yaveh iereo, ty famirapira Nagnahare.[3]Ampaherezo ty tagna mitsiraviravy,
vaho hamafeso ongotse mangitikitike reo. [4]Volagno amy tsy afake agnarofo reo tihoe: "Mahereza, ko matahotse!
Ingo, ty Zagnahare, le ty famalea Nagnahare. Ho avy re vaho hamonje anareo."[5]Le hahisake ty maso gny Goa reo,
vaho haharey ty sofy gny maregne reo. [6]Le hisoty manahake ty diera ty ndaty mandrobake, vaho ty lela ty moa le
hiantsa, fa hiboake bakamity tane maike agne ty rano, vaho lohandrano agnefetse agne reo. [7]Hizare rano kele ty
faseke magnoro, vaho ty tane mange hizare lohandrano miroborobo; amity fitoboha gnireo amboa ly reo, ze
itoboha gniereo rano kele reo, le ho feno akata volontara naho zozoro.[8]Ty lalam bey agne le ho kaihe tihoe lala
Masy. Tsy hindeha amy gnizay ty maloto. Fa izay le nanoe ho ahy ze mandeha amigny zay. Tsy misy gege handeha
amignizay.[9]Tsy hisy liona ty agne, tsy hisy biby masiake amignizay ao; tsy ho hisake ao iereo, fa reo ze voavonje
ro handeha ao.[10]Hihere ty vilin pagnavota gn'Yaveh vaho ho avy a Ziona agne amity fiantsa, vaho hafalea
zisikagne ro ho an doha gniereo eo, hahazo laza naho hafalea iereo, hilay ty alahelo naho ty fisefoa.

Chapter 36Toko faha 36

[1]Tamity tao fahefatse ambiny folo nanjaka ndre Hezekia mpanjaka, Sankeriba, mpanjaka Asyria, le nanafike tana iaby reo milakoro Joda vaho nagnadevo iereo. [2]Le nalefa ty mpanjaka Asyria baka Lakisa agne ho ahy Jerosalema ho amy Hezekia mpanjaka agne ty bevata mpifehe miarake amity miaramila bevata. Nampifagnato ty lakan drano ty rano ambone re, amity lalam bey mbamity baibo ty mpanasa lamba agne, vaho nitsanga tamy zay. [3]Ty manan kasy Israelita ze niboake ambaly ty tana soa hivola amy gniereo le i Eliakima anake lahy Hilkia, ty mpiarake ty lapa, Sebna mpanora i mpanjaka, vaho Joa anake lahy re Asafa, ze nanoratse fanampahan keve ty governemanta.[4]Nivola tamy gniereo ty bevata manan kasy tihoe: "Volagno amy Hezekia fa ty mpanjaka bevata, mpanjaka Asyria, le mivola tihoe: "Ino ty lohandrano ty tokinareo? [5]Tsy mivola afa tsy ty tsara tsy le ilae nareo, mivola fa misy torohae naho here amity aly. Amizao amy gnia ty itokianareo? Ia ro nagnamafe anareo hivory handietse ahy?[6]Ingo, matoky ani Egypta nareo, ze volontara misintake ze ampiasa gnareo manahake ty fitogno, fa lahafa miantehetse amizay ty ndaty raike, le handiteke amity tagnane ka hitomboke aze zay. Manahake izay ty Farao mpanjaka Egypta amity ndaty ze matoky aze. [7]Fa laha mivola amiko nareo tihoe: "Matoky ani Yaveh Zaganharenay zahay," tsy aze vao pilasy abo reo naho alitara reo ze nalae Hezekia, vaho fa nivola tamy Joda naho Jerosalema tihoe: "Miondreha agnoloa ty alitara a Jerosalema toy agne"?[8]Vaho amizao, magniry ty hanao fagnomeza soa ho anao bakamity mpanjaka Asyria raho. Hagnomey anao sovaly roe arivo raho, laha ohatse ka mahavita mila mpitikitse hoe iereo riha."[9]Hanao akore ty hahafahanao mandietse na ty kapiteny raike ze kele vatane amity mpanompo ty tompoko eo? Nampipoke ty tokinareo tamy Egypta naho kalese reo naho mpitikitsovaly reo nareo! [10]Vaho amizao, feie vao nindeha tatoy tsy niarake tamy Yaveh hialy handietse ty tane toy naho handrava izay vao raho? Hoe ty Yaveh tamiko," tafiho ty tane toy vaho ravao.""[11]Vaho Eliakima anake lahy Hilkia, naho Sebna, vaho Joa nivola tamity bey manan-kasy tihoe: "Mivolagna rie amy mpanomponao reo amity fivola Syriana, Aramaika, soa hahazoanay izay. Ko mivola aminay amity fivola gny Joda antsofy vahoake reo ze amity lakoro." [12]Fa hoe ty bey manakansy: "Feie vao nandefa ahy soa hivola tsara reo ho amity tomponao agne naho ho aminao agne vao ty tompoko? Tsy nandefa ahy ho amy lahilahy reo ze mitoboke amity lakoro eo re, ze hihina ty malotone avao naho hino ty amanine avao miarake aminao?[13]Vaho nitsanga ty bey manan kasy vaho nikorake tamity feo mafe tamity fivola Jiosy, mivola tihoe: "Minjajigna ty tsara ty mpanjaka bevata, mpajaka Asyria. [14]Hoe ty mpanjaka: "Ko mete hofitahe ndre Hezekia riha, fa tsy afake ty hagnavotse anao re. [15]Ko enga hampatokie Hezekia amy Yave riha, ze mivola tihoe; "Hamonje anay vatane ty Yaveh, tsy hagnomey ho an tagna ty mpanjaka ty Asyria eo ty tana toy.[16]Ko minjajy andre Hezekia fa izao ro tsarae ty mpanjaka Asyria: "Milongoa amiko vaho magnatogna ahy. Vaho ty kiraidraike aminareo le hihina bakamity voalobone naho bakamity hetae aviavine avao, vaho hino ty rano agnate ty fitoboha dranone ao avao. [17]Izay ro anoegnareo mandra piaviako naho hangalako anareo ho amity tane agne manahake ty tanegnareo avao, tane ty vare naho tane ty divae mbao, tane ty mofo naho tanen boaloboke."[18]Ko magnega ani Hezekiela hamitake anareo, mivola tihoe: "Yaveh ro hamonje antika." Feie vao nisy tamy Zagnahare ty vahoake reo vao ka nahavonje iereo baka antane ty mpanajaka Asyria? [19]Aia Zaganahare ndre Hamata naho Arpada reo? Feie vao nahavonje andre Samaria tamity hereko iereo? [20]Tamy Zaganahre iaby teto reo amity tane, feie vao nisy Zaganahre nahavonje ty tanene tamity hereko vao? Manahake ty hoe afake mamonje ani Jerosalema amity hereko vao ty Yaveh?[21]Fa ty vahoake nijano nitsy vaho tsy nisy namale, fa izay ro lily ty mpanjaka tihoe: "Ko mamale aze." [22]Vaho re Eliakima anake lahy ndre Hilkia ze bey ty longo, naho Sebma mpanora dily, vaho Joa anake lahy Asafa, mpita ty raraha mpanjaka, le nandiso andre Hezekia miarake amy sikine driatse reo, vaho ninday tamine tsara ty bey manan kasy reo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 37Toko faha 37

[1]Lahafa regny Hezekia Mpanjaka ty tate gniereo, le nandriatse ty sikine re, ka nandrakoke ty vatane tamity siky
fandala, vaho nimba antragno gn'Yaveh mbeo. [2]Ire le nagnirake andre Eliakima, ze loha ty longo, naho Sebna
mpanora dily, vaho loha ty mpisoro reo, sambe nisaro siky fandala iaby, ho amy Isaia mpitoky agne, ana ndre
Amoza.[3]Hoe iereo tamine: "Hoe re Hezekia tihoe: 'Ty andro toy le andro ty fijalea, fasiafa, vaho hagnalabaraka,
manahake ty kolo fa ho terake, nefa ty renene le tsy mana here hiteraha ty anane. [4]Mete ho regn'Yaveh
Zagnaharenao avao tsara ty bey ty mpifehe eo, ze nirahe ty mpajaka Asyria soa hialy an Anaghahare velo, ka
hivola mafe tsara reo ze regn'Yaveh Zagnaharenao. Amizao le asondroto ho ahy ze mboe sisa eto ty
vavagmao."[5]Ka nimbamy Isaia mpanompo Hezekia mpajaka reo mbeo, [6]vaho hoe ty Isaia tamy gniereo: "Volagno
amity tomponareo tihoe: "Ko matahotse ty tsara ze fa regnao, ze tamy zay ro nametaveta gnireo mpanompo ty
mpajaka Asyria ahy. [7]Ingo, hampipoke fagnahy amine ao raho, vaho haharey ty resake ilane re ka hihere amity
tanene agne. Hantontako amity mesobey amity tanene agne avao re.""[8]Vaho nihere bey ty mpitarike reo ka
nahisake ty mpajaka Asyria nialy tamy Libna, fa fa regne fa niala ta Lakisy ao ty mpajaka. [9]Vaho regny Senkeriba
fa nivory hialy amine ty Tiraka mpajaka Etiopia naho Egypta, ka nagnirake mpinday hafatse miarake amity
hafatse tamy Hezekia ndraike re: [10]"Volagno amy Hezekia, mpajaka Joda tihoe: Ko enga handiso fagnatena anao ty
Zagnaharenao ze itokianao, manao tihoe: "Tsy hamea an tagna ty mpajaka Asyria eo ty Jerosalema."[11]Ingo, fa
regnao ze nanoe ty mpajaka Asyria zay tamity tane iaby tamity fandrobaha iereo vatane. Kea ho vonje vao riha?
[12]Feie vao namonje iereo Zagnahare ty firene, le reo firene ze rinava ndroazako reo: Gozana, Harana, Razefa,
vaho ty vahoa Edena ta Telsara ao? [13]Aia ty mpajaka i Hamata, mpajaka Arpada ay, mpajaka reo tana Sefarvaima,
Hena, vaho Iva?""[14]Nandrambe ty taratasy tatagna ty mpiday hafatse egne ty Hezekia vaho namaky izay. Le
nimba antragno Yaveh agne re vaho namelatse izay tagnoloane eo. [15]Nivavake tamy Yaveh ty Hezekia tihoe:
[16]"'Nao Yaveh Tompo ty maro, Zagnahare Israely, iriha ze mitoboke ambone Kerobima egne, iriha raike ro
Zagnahare amity fanjaka ty tane iaby eo. Iriha ro nihare ty lagnitse naho ty tane.[17]Atokilagno ty sofinao, gea
Yaveh, vaho minjajigna. Sokafo ty masonao, gea Yaveh, ka henteo, vaho njanogno tsara Sankeriba reo, ze fa
nalefane hikizaha an Nagnahare velo. [18]Mare njay, eh gea Yaveg, fa rinava ty mpajaka Asyria ty firene iaby naho
ty tane gniereo.[19]Fa nanoene tagnate afo ao Zagnaharene reo, fa tsy Zagnahare regne fa asa tagna gnodaty, hetae
naho vato avao. Ka le pinoteke ty Asyria reo. [20]Kea amizao, nao Yaveh Zagnaharenay, vonjeo amity herene eo
zahay, soa ho hay ty fanjaka ty tane iaby fa Iriha raike avao ro Yaveh"[21]Vaho nandefa hafatse tamy Isaia ana ndre
Amoza ty Hezekia, manao tihoe: "Yaveh, Zaganahre Israely manao tihoe: 'Satria fa nivavake tamiko mikasike
andre Sankeriba mpajaka Asyria riha, [22]le izao ty tsara ze vinola Yaveh ty mikasike aze: " Manao tsisy dikane
naho magnafabaraka anao ty anak'ampela mboe tseno gny Ziona; mivakiloha aminao ty anak'ampela. Nila aly
naho nandratiraty ania riha? [23]Niambone feo naho nivandravandra taman-pirengerengea tamy gnia riha? Tamy
iaze Masy gny Israely.[24]Tamity alala reo mpanomponao ro nipaianao ty Tompo naho nanovanao hoe:' Tamity
hamaroa ty kaleseko ro niakarako tegne amity tazoa reo vohitse, tamity fiakara agnabo vatane Libanona. Ho
tampaheko reo sederane lava naho ho filieko reo hetae-Kypreso agne, naho hilitre ao amity toerane ambone
vatane raho, le ty alane mamoa bey vatane. [25]Le fa nihaly ty lava-drano raho ninon-drano; Riniko rano Egypta
iaby ambane ty tomboko.'[26]Feie vao tsy reinao ty namaritako zay andro maro lasa zay vaho nanaovako zay tamity
andro taloha? Naho enteko mba hiseho zay. Eto riha mba handrava reo tana mafe ho lasa korotam-bato. [27]Reo
vahoakene, tsy manan-kery, le kivy vaho afa-baraka. Vole agne ambaibo iereo, akata maintso, akata egne ambone
tafo na egne ambaibo, aloha ty tioke bakagne antignana.[28]Fa haiko ty tobonao, ty fiakaranao, ty filiranao, naho ty
helonao amiko. [29]Noho ty helonao amiko, noho ty avognavonao ze nipake tamity sofiko, le hametrahako
farangoko eo amity oronao, naho ty lamboridiko eo amity vavanao; hahereko agne amize lala niboahanao
riha."[30]Zao ro ho famantara ho anao: Hihina ze mitiritiry avao riha amity tao toy, naho ze mitiry amizay amity tao
faharoe. Fa amity tao fahatelo le tsy maintsy mambole riha naho mihaza, manova tanem-boaloboke naho hano ty
vokane.[31]Reo sisa amity foko Joda ze tsy mate le hitiry vaho hamokatre ndraike. [32]Fa bakao Jerosalema ro hiboaha
reo sisa; bakao ambohitse Ziona reo tsy mate. Hanao zay ty zotom-po Yaveh Tompo ty maro."'[33]Laha zao le zao ro
safa Yaveh miomba ty mpanjaka Asyria:" Tsy hilitre eto amity tana toy, na hanorake folese eto re. Na hoavy aloha
zay miarake amity ampinga na hananga rindry fiakara amizay re. [34]Ty lala nihaviane avao ro ho lala hialane; tsy
hilitre ao amity tana toy re_zay ro talily Yaveh.[35]Fa hiaro ty tana toy raho naho hamonje zay, noho ty amiko vaho
noho ty amy Davida mpanompoko.'[36]Naho ty anjele Yaveh le niakatre ka nanafike ty tobe reo Asyriana, nahafate
miaramila 185.000. Laha fa nifoha magneno akoho reo lahilahy, le nitsilay tegne iaby tegne ty fate gnodaty. [37]Ka
niala Israey ty Sankeriba mpanjaka Asyria naho noly tagne antragno ka nitoboke tao Ninive.[38]Tafara atoy, laha
mboe niantsa tao antragno Nisroka zagnaharene Re, le namono aze tamity meso ty Adrameleka vaho Sarezera

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

anadahine. Bakeo le nilay tagne amity tane Ararata iereo. Naho le Esara-hadona anane ro nanjaka teo amity toera ne.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 38

[1]Tamireo andro reo ty Hezekia le narare mafe le fa eo ampifateza. Ka niavy teo amine Isaia anadahy Amoza, ty
mpaminane, naho nanao tamine ty hoe:" Zao ro talily Yaveh:' Alamino ty tragnonao; fa ho mate riha, fa tsy ho
velo." [2]Le nagnody ty tarehene nimbaeo amity rindry ty Hezekia naho nivavake tamy Yaveh. [3]Hoe re:" Mba
tiarovo rie ry Yaveh, ty nindehanako ampitokia tamity arofoko iaby teo agnoloanao, vaho ty nanovako ty soa teo
amasonao." Le nitagny mafe ty Hezekia bakeo.[4]Naho niavy tamy Isaia ty safa Yaveh, manao ty hoe: [5]"Mindehana
naho rehafo amy Hezekia, mpitarike ty ndatiko hoe:' Zao ro talily Yaveh, ty Zagnahare Davida razambeinao: Le fa
reiko ty vavakenao, naho le fa hisako reo ranomasonao. Ingo, hagnampe dime amby folo tao tamity fagnahinao
raho. [6]Le hagnavotre anao vaho ty tana toy amity tana ty mpanjaka Asyria raho, naho hiaro ty tana toy.[7]Zao ro
famantara bakamy Yaveh ho anao, fa hataoko ze nampagnategnaeko. [8]Ingo, hampimpoly ty aloke eo amireo
tohatre Ahaza ho folo asa raho.""Ka nihere zaka folo reo tohatre teo amize nihoatre.[9]Zao ro vavake voasora
Hezekia mpanjaka Joda, laha fa narare naho afake re: [10]"Zaho nirehake fa eo amity ampagnivoa ty haveloko le
hindeha amireo vavahady ty fiaigna tsy hisake raho; nalefa tagne raho zisike ty tao sisa hivelognako. [11]Hoe raho
ty hoe tsy hahisake Yaveh sase raho, Yaveh agne amity tane ty velo; tsy hagnente ty ndaty na reo vahoake ty tane
sase raho.[12]Nafaha vaho nalae tamiko manahake ty tragno ty mpiarake agnondry ty arofoko; naforeporeko
manahake ty tano ty arofoko; mandily ahy amity zaka magneno riha; eo agnivo ty andro vaho ty hale riha ro
namara ty arofoko. [13]Nikorake mafe zisike-maray raho; manahake ty liona ro famakia reo taolako iaby. Eo agnivo
ty andro vaho ty hale Riha ro mamara ty arofoko.
[15]Ino ro tokone ho rehafeko? Vaho nirehake re, ro nanao zay tamiko; hamindra moramora amity tao hivelognako
iaby raho satria feno heloke.[16]Ry Tompo, reo fijalea nalefanao le soa ho ahy; ha here amiko ndraike anie ty
arofoko; nagnampoly ty arofoko vaho ty hasalamako Riha. [17]Zaka soa hoahy ty niaignako amity alahelo
manahake rey. Nagnavotre ahy tamity lavake harava Riha; le fa nanorake reo hadisoako iaby hoagne
andambosinao Riha.[18]Fa tsy misaotre anao ty fiaigna tsy hisake; tsy miantsa anao ty fate; reo ze mizotro ao agnate
lavake le tsy magnantegna ty hasoam-pitokia. [19]Ty ndaty, ty ndaty, re ro raike ze magnomea fisaora anao,
manahake ty ataoko amity andro toy: naho mampahay ty hasoam-pitokisa nao amireo anake.[20]Eo andalam-
pamonjea ahy Yaveh, naho handaza amity antsa zahay amity androm-piaignanay iaby ao antragno Yaveh."[21]Naho
hoe Isaia:" Ao iereo hangalake vongan'aviavy naho hametrake zay eo amity vae, le ho afake re." [22]Hoe avao kea ty
Hezekia hoe:" Ino ro ho famantara fa tokone hiakatre ho agne antragno Yaveh raho?"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 39

[1]Tamize andro zay Merodaka-baladana anadahy Baladana, mpanjaka Babylona, le nandefa taratasy vaho fagnomea hoahy Hezekia; satria reine fa narare ty Hezekia naho afake. [2]Fale tamireo zaka reo ty Hezekia; natorone reo mpinday talily ty tragno rihane fisy zaka lafo-vily__ty volafoty, ty volamena, reo zaka-magnitre naho menake soa, ty tragno rihane amireo zaka-fialiane, vaho iaby ze hisake tao amireo tragno rihane. Tsy nisy raraha tao antragnone, na tao amity fanjakane iaby, ka tsy natoro Hezekia aze reo.[3]Bakeo Isaia mpaminane niavy tagne amy Hezekia mpanjaka naho nagnontane aze ty hoe:" Ino ro reha reo ndaty reo aminao? Baka aia iereo?" Hoe ty Hezekia hoe:" Avy amiko eto bakagne amity firene lavitre Babylona iereo." [4]Le nagnontane Isaia hoe:" Ino ro hisa iereo tao antragnonao?" Namale Hezekia hoe:" Hisa iereo iaby ty zaka iaby tao antragnoko. Tsy nisy zaka tamireo rarahako lafo-vily ka tsy natoroko iereo."[5]Le hoe Isaia tamy Hezekia hoe:" Dranjigno ty safa Yaveh tompo ty maro: [6]'Ingo, avy ty andro ze hindaisa ty zaka iaby ao amity lampanao, reo zaka ze navory reo razambeinao zisikezao hoagne Babylona. Tsy hisy ho tavela, hoe Yaveh.[7]Reo anadahy nateranao, ze le fa nitezanao__halae iereo, naho ho lasa andampa ao amity lampa ty mpanjaka Babylona iereo."' [8]Bakeo Hezekia nirehake tamy Isaia hoe:" Soa ty reha Yaveh ze le fa nirehafenao." Fa nidineke re hoe:"Hisy filamina vaho hamarean-toera amity androko."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 40

[1]Hamafeo, hamafeo ty vahoakeko,"hoe ty Zagnaharenareo. [2]"Mirehafa mora amy Jerosalema; naho rehafo amine
fa le fa nijano ty aline, fa vototre ty helone, fa le fa nandrae roe ambone tegne antagna Yaveh re tamity hadisoane
iaby."[3]Nisy feo nikaike mafe hoe:" Vognono ty lala Yaveh agne agnefetre; manova lalam-bey mahity agne amity
tane foa ho ahy ty Zagnaharentika." [4]Ty baibo iaby le hakare, naho ty vohitse vaho tazoa iaby le hakare; naho ty
tane ala ho lembalemba, naho reo tane saro-dala hizare gebo; [5]naho ty hasy Yaveh le hampahaie, naho ty
vahoake iaby hiarake hahisake zay; fa ty vava Yaveh ro nirehake zay.[6]Nisy feo nanao hoe:" Kaiho." Nisy raike
namale hoe:" Ino ro kaike tokone hataoko?" "Ty nofo iaby le akata, naho fifagnenkea iereo le hoe ty folera egne
ambaibo. [7]Maike ty akata naho malazo ty folera laha fa mitioke eo amizay ty fofo gnay nagnahare; azo antoke fa
akata ty ndaty. [8]Maike ty akata, malazo ty folera, fa ty reha ty Zagnaharentika le haharetre zisikagne."
[11]Hamaha ty agnondry aman'osene hoe ty mpiarake agnondry Re, hamory reo agnondrine eo antsandrine Re, ka
hinday reo ao agnarofone, naho hitarike amin-kasoam-pagnahy reo agnondry vave mampinono reo anane.[12]Ia ro
nagnametatre ty rano teo antagnane, nagnametatre ty lagnitre tamity zehe ty tagnane, nita ty debon-tane tagnate
haro, nandanja ty vohitse tamireo fandanja, na reo tazoa tamity moza?[13]Ia ro le fa nahatakatre ty eretrere Yaveh,
na nanoro lala Aze hoe ty mpagnomea hevene? [14]Bakaminia ro le fa nangalane toro-lala? Ia ro nagnanatre Aze ty
fomba fanoa zaka amity tokone ho ie, naho nagnanatre Aze fahaia, na nanoro Aze ty fomba fahaia?[15]Ingo, reo
firene le hoe ty rano mitete indraike agnate siny, naho niraesene hoe ty deboke eo ambone ty fandanja; ingo,
lanjaene hoe ty teboke kele reo nose. [16]Libanona le tsy ampe ho roa, na reo bibin'alane tsy ampe atao fagnatetre
oroa. [17]Ty firene iaby le tsy feno eo agnoloane; reo le rinaene hoe ty tsy misy.[18]Aminia zay ro hampitovie nareo
amin'Agnahare? [19]Sampe! namolavola zay ty mpanao asa-tagna: ty mpanefe volamena le nanao takela-bolamena
vaho nanefe rojo volafoty hoahy zay. [20]Mba hanova fagnatetre le misy raike mifily hetae tsy mete lo; mipay
mpanao asa-tagna mahay re mba hanao sampe te tsy mete mirotsake.[21]Tsy hainareo vao? Tsy mboe reinareo vao?
Tsy le fa nirehafe taminareo tagne amboalohane vao zay? Tsy le fa takanareo vao zay tamity fagnoregna ty tane?
[22]Re ty arere mitoboke ambone ty raho ty tane; naho ty vahoake le hoe ty valala eo agnoloane. Nandrovitre ty
lagnitre hoe ty lamba Re naho nanjara reo hoe ty tragno hitoboha.[23]Nampihe reo mpandily hoe ty tsy misy Re
naho nanao reo mpandily ty tane ho tsy misy antone. [24]Vaho nambole iereo, vaho nafafe, ty sampagna reo le vaho
nitiry tamity tane, laha fa nitioke teo amiereo Re ka nalazo reo, naho niente ty tioke hoe ty mololo iereo.[25]Aminia
zay ro hampitovie nao amiko, ia ro mitovy amiko?" hoe ty Masy. [26]Henteo ty lagnitre! Ia ro namoro reo kinta iaby
reo? Magnakatre iereo amity laharane Re naho mikaike aze iaby amity agnarane. Tamity habey ty herene vaho
tamity tanja ty fahefane, le tsy nisy raike tsy niakatre.[27]Nagnino riha, ry Jakoba, ro nirehake vaho nagnomara
tamy Israely hoe:" Ty lalako le mihaja amy Yaveh, naho ty Zagnahareko le tsy voakasike ty hamareako?" [28]Tsy
hainareo vao? Tsy reinareo vao? Ty Zagnahare maharetre zisikezay, Yaveh, ty namoro reo vazan-tane, le tsy
vozake na rerake; tsy misy farane ty fahaiane.[29]Magnomea here ty rerake Re; naho magnomea here vao hoahy ze
marare. [30]Na ty kele aza le ho lasa vozake vaho rerake, naho reo ajalahy le ho tafintohy ka hitonta: [31]Fa reo ze
mandy Yaveh le hagnavao ty here iereo; hitily amity elane hoe ty voromahere iereo; hilay iereo ka tsy ho rokake;
hindeha iereo naho tsy ho tora.

Chapter 41

1"Midranjigna ampilamina magnoloa ahy, nareo moron-tsirake; ao hagnavao ty herene reo firene; ao iereo
hamonje marine naho hirehake; ao tika hiarake mba hifandahatre vaho hialy hevetre. 2Ia ro nanao ty raike
bakagne antignana, nikaike aze ampimarea ho amity fanompoane? Manolotre ty firene hoaze Re naho
magnampe aze haharese reo mpanjaka. Mivalike amiereo ho deboke amity mesone re, manahake ty mololo tiofe
ty tioke amity folesene.3Magnia iereo re ka tafita soa avao, tamity laka soa ze tsy nilia ty tombone. 4Ia ro nanao
vaho nahavita reo asa reo? Ia ro nampikaike reo foko hatra amboalohane? Zaho, Yaveh, ro voalohane, naho
miarake amireo farane, Zaho ro Ie.5Nahisake reo nose ka natahotre; mihovitre ty fara ty tane; namonje iereo ka
avy. 6Sambe magnampe ty namane ty ndaty iaby, naho ty ndaty iaby nifampirehake hoe:' Mimafea.' 7Ka le
magnamafe reo mpanefe volamena ty mpandrafetre, naho ze miasa amity fikala mahamafe ze miasa amity
riandria, mirehake ty solohoto ty hoe:' soa zay.' Finehe iereo tamity fatiby zay mba tsy hihozo.8Fa riha, ry Israely,
mpanompoko, ry Jakoba ze le fa finiliko, foko Abrahama namako, 9riha ze hevereko bakamity fara ty tane, naho
ze kinaiko bakamireo toera lavitre, naho ze nirehafeko ty hoe:' Mpanompoko riha;' le fa nifily anao Raho naho tsy
niliereko riha.10Ko matahotre, fa mboe anao raho. Ko mitebetebe, fa Zaho ro Zagnaharenao. Ho mafeko riha, naho
hagnampe anao raho, naho hanoha anao amity tagnako ankavana mare raho.11Ingo, ho megnatre vaho ho afa-
baraka, reo iaby ze meloke taminao; ho hoe ty tsy misy antone iereo naho ho mate, reo iaby ze mandietre anao.
12Hipay riha nefa tsy hahisake reo ze nifandahatre taminao; reo ze nialy taminao le ho hoe ty tsy misy antone,
vatane tsy misy antone. 13Fa Izaho, Yaveh Zagnaharenao, ro hita ty tagnanao ankavana, mitalily aminao ty hoe:'
Ko matahotre; fa hagnampe anao raho.'14Ko matahotre, riha ry Jakoba soko, naho nareo ndaty Israely; fa
hagnampe anareo raho__zay ro talily Yaveh, mpagnavotre anareo, ty Raike Masy Israely. 15Ingo, ataoko hanahake
ty laro vy masio riha, vaho naho roe lela; hagnisy reo vohitse riha naho hanorotoro reo; hataonao ho hoe ty afoka
reo tazoa.16Hikororoke iereo riha, naho ty tioke ninday iereo hiala; hizara iereo ty tioke. Hifalefale amy Yaveh
riha, hifalefale amity raike Masy Israely.17Mipay rano reo ore vaho mahantra, kanefa tsy misy, naho ty lela iereo
le ho maike noho ty aran-drano; Zaho, Yaveh, ro hamale ty vavake iereo; Zaho, Ty Zagnahare Israely, le tsy
hahafoe iereo. 18Hahavy ty rano hily amity lavake raho, naho loharano eo agnivo ty baibo; hataoko dobon-drano
ty tane ela, naho ty tane maike ho loharano.19Agne amity tane efetre ro hametrahako reo sedera, akasia, rotre,
naho ty hetaen'Oliva. Hametrake ty Kypreso egne amity gebo ty tane ela, miarake amireo keseke vaho reo hetae
Kypreso raho. 20Hanao zay raho mba hahisake, hagnenke, naho hiara-hahatakatre ty ndaty, fa ty tagna Yaveh ro
nanao zay, naho ty Raike Masy Israely ro namoro zay.21"rehafo ty mikasike anao," hoe Yaveh," atoro ty hevenao
soa vatane ho ahy reo sampenao," hoe ty mpanjaka Jakoba. 22Ao iereo hinday ty heve iereo avao; ampandroso
iereo naho ambarao aminay ze hiseho, mba hahaianay soa reo zaka reo. Anovo hatalily iereo aminay reo talily
dinehe mialoha, mba hahafahanay manao iereo ho fitaratre vaho hahaianay ty fomba nahalefea rey.23Ambarao
reo zaka miomba ty hoavy, mba hahaianay fa zagnahare nareo; manova zaka soa na raty, mba hatahotre vaho
hieke vola zahay. 24Ingo, tsy misy antone; ty raike ze nifily anareo le raty.25Le fa nananga raike bakagne avaratre
Raho, naho niavy re; bakagne amity fiakara ty masoandro ro hikaihako ze mikaike ty agnarako, naho handia reo
mpandily hoe ty fotake re, hoe ty mpanefe tanemanga mandialia tanemanga. 26Ia ro nitalily zay zisikagne
amboalohane, mba hahaianay? Aloha ze andro zay, mba hirehafanay ty hoe:" Mare re?" Eka mare, tsy nisy nanao
zay ho lily iereo, eka, tsy nisy nanoro anareo nirehake raraha.27Hoe raho tamy Ziona tamity voalohane:' Ingo,
intoa iereo;" nandefa mpinday talily tagne Jerosalema raho. 28Laha fa magnete raho, le tsy misy na ia ia, na ty
raike eo amiereo ze afake magnomea toro-hevetre soa, zay, afake hamale rehake, laha fa magnontane raho.
29Ingo, tsy misy antone ie iaby, naho ty asa iereo le tsy misy antone; tioke vaho zaka foa ty sare mitily iereo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 42

[1]Ingo, ty mpanompoko, ze tanako; ty finiliko, ao amine ro andrambesako saotre. Le fa natoboko teo amine ty
Fagnahiko; hinday rarene eo amireo firene re. [2]Tsy hitaray na hikorake re, na hanao ty feone ho rey egne andala.
[3]Tsy ho tampahene ty volotara torotoro, naho tsy ho vonoene ty afo ty jiro mirehetre: hanao ty rarene amim-
patokisa re. [4]Tsy hitombo harerahа re na ho kivy mandram-pametrahane ty rarene etoy ambone ty tane; naho ty
tane amorontsirake hiambe ty liline.[5]Zao ro Safa Yaveh Zagnahare__ze namoro ty lagnitre naho nagnenja reo, ty
nanao ty tane vaho iaby ze vokarene, ze magnomea fofognay ho ahy ty ndaty amizay naho fiaigna hoahy reo ze
miay eo amizay hoe: [6]"Zaho, Yaveh, le fa nikaike anao tamity hamarea naho hita ty tagnanao. Hiambe anao Raho
naho hametrake anao hoe ty fagnenkea hoahy ty ndaty, manahake ty hazava hoahy reo Jentilisa,[7]mba hamoha ty
maso ty goa, mba hagnafake reo gadra ao amity tragno maieke, naho bakamity tragno fitoboha reo ze mitoboke
ao amity ieke.[8]Zaho ro Yaveh, zay ro agnarako; naho ty hasiko tsy ho zaraeko amity hafa na ty fiantsa Ahy ho
amity sampe voasokitre. [9]Ingo, le fa lasa ty zaka taloha, amizao hagnombara zaka-baovao aminareo raho. Aloha
ty hanomboa reo le hirehake anareo mikasike reo raho."[10]Miantsa ansta vaovao hoahy Yaveh, naho ty fiantsane
zisikagne amity fara ty tane; nareo ze mbaeo amity riake, vaho iaby ze amine ao, reo tane amorontsirake, nao reo
ze mivelo agne. [11]Ao hitaray ty efetre vaho reo tana, ty tana ze itoboha Kedara, le hikorake amity fahalea! Ao
hifale ty vahoake Sela; ao hikorake bakeo ambone ty vohitse iereo.[12]Ao hagnomea hasy Yaveh iereo naho hitalily
ty fiantsane amity tane amorontsirake. [13]Hiakatre manahake ty mpialy ty Yaveh; manahake ty lahilahin'aly harisy
ty zotom-pone Re. Hikorake Re, eka, hitsero amity korak'aline Re; hatorone ty fahavalone ty herene.[14]Le fa nitsy
raho zisikela; le fa nitsy Raho naho niambe ty vatako; amizao hitaray hoe ty ampela miterake raho; miehakehake
tsy afake miay. [15]Hataoko maike ty vohitse vaho ty tazoa naho hagnamaike ty zaka-mitiry iaby; naho hamalike ty
rano ho nose Raho naho hagnamaike ty dobon-drano.[16]Hinday ty goa amity lala ze tsy hay iereo Raho; amity lala
ze tsy hay iereo ro hitarihako iereo. Hamadike ty ieke hazava eo agnoloa iereo raho, naho hanao ty toera ty
meloke ho mare. Reo zaka reo ro hataoko, naho tsy hiala iereo Raho.[17]Hihere iereo, naho ho afa-baraka vatane,
reo ze matoky ty saren-jaka voasokitre, ze mirehake ty saren-jaka nirereke tamity vy hoe:" Nareo ro
zagnaharenay."[18]Midranjigna, nareo ry maregne; naho magnentea, nareo goa, mba hahisake. [19]Ia ro goa nefa
mpanompoko? Na maregne hoe ty mpinday talily ty raeko? Ia ro goa manahake ty naman-pagnenkeako, na
maregne manahake ty mpanompo Yaveh?[20]Maro ty zaka hisanareo, feie tsy takanareo; manongilan-tsofy, nefa tsy
misy maharey. [21]Nahafale Yaveh ty miantsa ty hamareane naho ty magnomea hasy ty liline.[22]Nefa toy le vahoake
nangalare vaho voarebake; voafandrike agne amity lavake iaby iereo, nitana ho azo tao ampigadra; le fa lasa
voarebake iereo ka tsy misy na ia ia hagnavotre aze, naho tsy misy mirehake hoe:" Aheregno iereo!"[23]Ia aminareo
reo ro hidranjy zay? Ia ro hidranjy vaho haharey amity hoavy? [24]Ia ro nagnomea Jakoba ho ahy reo lahilahy, naho
ty Israely ho amity mpandrava? Feie vao zay tsy Yaveh, ze le fa nidisoantika, ze niliere iereo indeha ty lalane,
naho ze niliere iereo horihe ty liline?[25]Laha zao le nailine tamiereo ty fireheta ty helone, amity fandrava ty aly.
Niredareda nagnodidy iereo zay, nefa tsy nahay zay iereo; ka nagnoro iereo zay, nefa tsy rinae iereo agnarofo zay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 43

[1]Fa amizao le zao ro safa Yaveh, Re ze namoro anao, ry Jakoba, naho Re ze nagnamboatre anao, ry Israely:" Ko
matahotre, fa le fa nagnavotre anao Raho; le fa nikaike anao tamity agnaranao Raho, ahy riha."[2]Laha mindeha
mamakivaky ty rano nareo, le ho eo aminareo raho; naho amireo renerano, le tsy hanafotre anareo rey. Laha fa
mindeha mamakivaky ty afo nareo le tsy ho may, naho tsy handrava anareo ty lelan'afo. [3]Fa zaho ro Yaveh
Zagnaharenareo, ty Raike Masy Israely, Mpamonjenareo. Nameako ho hoe ty ty vilim-pagnavotanareo Egypta,
Etiopia vaho Seba ho takalonareo.[4]Fa lafo-vily vaho miavake eo amasoko nareo, teako nareo; laha zao le
hagnomea ndaty ho takalonareo Raho, naho vahoake hafa ho takalo ty ainareo. [5]Ko matahotre, fa miomba nareo
raho; hinday ty fokonareo bakagne antignana raho, naho hamory anareo bakagne ahandrefa.[6]Hitalily amity
avaratre Raho hoe:' Afaho iereo', naho amity antimo hoe:' Ko misy tana;' Ento bakagne lavitre reo anadahiko,
naho reo anakampelako bakagne amireo faritane lavitre ty tane, [7]ty kirai-kiraike kinaike tamity agnarako, ze
hinareko ho ahy ty hasiko, ze namboareko, egne, ze nanoeko.[8]Akaro reo ndaty ze goa, na le mana-maso aza iereo,
vaho reo maregne, na le manan-tsofy aza iereo. [9]Miara-mivory ty firene iaby, naho mivory ty vahoake. Ia amiereo
ro afake nitalily zay vaho nitalily taminay reo zaka taloha? Ao iereo hinday ty vavolombelone mba hagnamare
iereo, ao iereo hidranjy vaho hagnamafe hoe:' Mare zay.'[10]Magnombara Yaveh ty hoe:" Nareo ro vavolombeloko,
naho mpanompoko ze finiliko, ka tokone hahay vaho hino ahy nareo, naho hahay fa Zaho ro Ie. Tsy nisy
zagnahare voaforo talohako, naho tsy hisy afarako ao. [11]Zaho, Zaho ro Yaveh, naho tsy misy Mpamonje hafa tsy
zaho.[12]Le fa nitalily raho, namonje, naho nitalily ampahibe-maso, naho tsy misy zagnaharen-kafa eo aminareo.
Nareo ro vavolombeloko," hoe Yaveh," Zaho ro Zagnahare. [13]Zisikamio andro o le Zaho ro Ie, naho tsy misy afake
magnavotre ania ia eo antagnako. Miasa raho, naho ia ro afake hamadike zay?"[14]Zao ro safa Yaveh, Mpagnavotre
anareo, Ty Raike Masy Israely:" Fa noho ty aminareo ro handefasako agne Babylona vaho hitarihako iereo iaby
hizotro hoe ty mpilay, hamadiha ty fanoroa reo Babylona hafalea ho antsam-pitagnia. [15]Zaho ro Yaveh, Ty Raike
Masinareo, Mpamoro Israely, Mpanjakanareo."[16]Zao ro safa Yaveh( ze namoha lala namakivaky ty riake vaho lala
teo amity rano mahere, [17]ze nagnakatre ty kalese vaho ty soavale, ty tafike vaho ty miaramila mahere. Niara-lavo
iereo; tsy hitsanga sase iereo; mate iereo, mitsilopelope manahake ty lahin-jiro.)[18]"Ko midineke miomba rey zaka
taloha reigne, na mahatiaro reo zaka taloha le fa ela. [19]Ingo, Zaho le fa manao zaka-vaovao; le fa hanomboke
miseho zay amizao; tsy mahay zay vao nareo? Hanao lala agne antane efetre vaho rian-drano agne antane maike
Raho.[20]Hagnomea hasy Ahy ty bibin'ala ambaibo, reo amboan'ala vaho reo ostritsa, satria magnomea rano agne
antane maike raho, naho renerano agne antane efetre, mba ho nome ty vahoake voafiliko, [21]reo vahoake ze
vinolavolako ho ahy avao, fa mete hitalily ty antsa Ahy iereo.[22]Fa tsy nikaike Ahy riha, ry Jakoba; rokake ty Amiko
riha, Ry Israely. [23]Tsy mba ninday tamireo agnondrinareo ho fagnatetre oroa hoahy nareo, na nagnomea hasy
Ahy tamireo soronareo. Tsy nagnavesatre anareo tamity fagnatetre vare Raho, na nandrerake anareo tamity
hatake liten-ketae magnitre.[24]Tsy nivyly veromagnitre ho ahy tamity vola nareo, na nagnily tamiko ty vondra reo
soronareo; fa nagnavesatre Ahy tamity hadisoanareo nareo; nandrerake ahy tamireo asa ratinareo.[25]Zaho, eka,
Zaho, ro aze mamono ty fandikan-dilinareo noho ty Amiko avao; naho tsy hahatiaro reo hadisoa nareo sase raho.
[26]Ampahatiarovo Ahy ze niseho. Ao tika hiara-hilahatre; atoro ty dinenareo, fa mete ho voamare ho tsy manan-
tsiny nareo.[27]Nidiso ty raenareo voalohane, naho navande tamiko reo olobey nareo. [28]Laha zao le holotoeko reo
manam-pahefa masy; hanao Jakoba ho rava vatane Raho, naho Israely amity fagnafaham-baraka mahere asa."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 44

[1]Midranjigna amizao, ry Jakoba mpanompoko, vaho ry Israely, ze finiliko: [2]Zao ro safa Yaveh, Re ze nanao anao vaho namolavola anao tao antroke vaho ze hamonje anao hoe:" Ko matahotre, ry Jakoba mpanompoko; vaho riha, ry Jesorona, ze finiliko.[3]Fa hampipo-drano amity tane maike, vaho rian-drano amity tane maike raho; hampipoke ty fagnahiko amity ananao Raho, naho ho amireo ananao ty fitahiako. [4]Hitsimoke eo amity akata, manahake ty hetae malahelo eo agnila ty rian-drano iereo.[5]Ty raike hirehake hoe:' Ahy Yaveh raho', naho ty hafa hikaike mafe ty agnara Jakoba, naho ty hafa hanoratre eo amity tagnane ty hoe:' Ahy Yaveh', ka hikaike ty vatane amity agnara Israely."[6]Zao ro safa Yaveh__ty Mpanjaka Israely vaho Mpagnavotre aze, le Yaveh Tompo ty maro:" Zaho ro voalohane, naho Zaho ro farane; naho tsy misy Zagnahare laha tsy Zaho.[7]Ia ro manahake Ahy? Ao re hirehake zay ka hagnazava Amiko reo zaka ze niseho zisikamity nagnoregnako ty vahoakeko taloha, naho ao iereo hitalily reo zaka hoavy.[8]Ko matahotre na misalasala. Feie vao Raho tsy le fa nagnombara taminareo taloha tagne, ka nitalily zay? Vavolombelo nareo: Feie vao misy Zagnahare laha tsy Zaho? Tsy misy Vatolampy hafa; tsy mahay na raike aza Raho."[9]Te iaby ze mamboatre sampe le tsinontsino; zaka-foa reo zaka teane; ty vavolombelo iereo le tsy mahisake na mahay na ino ino, naho hafahem-baraka iereo. [10]Ia ro hamolavola Zagnahare na hamboatre sampe te zaka-foa?[11]Ingo, ty mpiray-miasa amine iaby le hafahem-baraka iaby; reo mpanao asa tagna le ndaty avao. Ao iereo hiara-hitsanga; hatahotre iereo naho hafahem-baraka.[12]Ty mpanefe le miasa amireo fiasane, manao zay, miasa amity are. Manao zay amity fikala naho miasa zay amity sandrine mahere re. Kere re, ka mihakele ty ozane, tsy minon-drano re ka lasa rerake.[13]Manao ty hetae amity fagnitia ty mpandrafetre, naho manokitre zay amity fandrake. Manao zay amireo fiasane re naho mamantatre zay amity Kompa. Manao zay ho hoe ty sare ndaty re, manahake ty ndaty maninto, mba hitoboke ao antragnone zay.[14]Mandily sedera re, na mifily hetaen-Kypreso na hetae terebinta. Mangalake hetae agne agnala hoaze re. Mambole keseke re naho mampitiry zay ty ora.[15]Le ampiasae ty ndaty handreheta afo vaho hamindroa zay. Eka, mandrehetre afo re ka manao mofo. Le manao zagnahare amizay re ka mihohoke amizay; manao sampe re ka mihohoke amizay. [16]Magnoro ty ilane amity hetae handreheta afo re, mitono ty henane amizay. Mihina re ka entsake. Mamindro re ka manao hoe:" Aha, mafana raho, le fa nahisake afo raho."[17]Amity hetae sisa tavela ro agnamboarane zagnahare, ty sare voasokitre; mihohoke eo amizay re vaho matahotre zay, naho mivavake amizay manao hoe:" Avoto raho, fa riha ro zagnahareko."[18]Tsy mahay, na mahatakatre iereo, fa goa ty maso iereo ka tsy mahisake, naho tsy mahay ty arofo iereo.[19]Tsy misy midineke, na mahazo iereo ka manao ty hoe:" Le fa nagnoro ty ilane tamity hetae tao agnate ty afo raho; eka, le fa nanao mofo teo ambone ty arene avao kea raho. Le fa nitono hena teo amity are raho ka nihina. Amizao, tokone hanao zaka raty amity hetae hafa ilane mba ho tompoe vao raho? Tokone hihohoke amity vatan-ketae vao raho?"[20]Manahake ty hoe mihina lavenoke re; mamio aze ty arofone voafitake. Tsy afa-mamonje ty vatane re, na manao ty hoe re:" Ty zaka antagnako havana eto toy le zagnahare tsy ie."[21]Dineho ty miomba reo zaka reo, ry Jakoba, vaho ry Israely, fa mpanompoko riha: le fa nanao anao Raho; mpanompoko riha: Ry Israely, tsy ho halignoko riha. [22]Vinonoko, manahake ty raho-mateve, reo asa vandenao, naho manahake ty raho, reo hadisoanao; miheregna amiko, fa le fa nagnavotre anao Raho.[23]Miantsa, nareo ty lagnitre, fa Yaveh ro nanao zay; mikoraha, nareo ry lahilahy ty tane. Mifalea amity fiantsa, nareo ry vohitse, riha ry ala amity hetae iaby ao; le fa navota Yaveh Jakoba, ka hahisake ty hasine ao Israely.[24]Zao ro safa Yaveh, Mpagnavotre anao, Re ze nanao anao zisikao antroke:" Zaho ro Yaveh, ze nanao ty zaka iaby, Zaho arere ro nagnenja ty lagnitre, Zaho arere ro namboatre ty tane. [25]Zaho ty mandrava ty famantara reo mpitsaratsara avao vaho ze magnafa-baraka reo ze mamaky famantara; Zaho ty mandrava ty hamarea ty mare vaho manao ty toro-heve iereo ho hagegea.[26]Zaho, Yaveh, ty nagnamafe reo reha ty mpanompone naho mampandrio reo vinavina reo irake, ze mitalily amy Jerosalema hoe:' Hitoboha re', naho ahy reo rova Joda ty hoe:' Hatsanga ndraike iereo, naho hagnare ty haravane raho'; [27]ze mitalily amity riake laleke ty hoe:' Ao ho maike, naho ho maiheko reo ranonao.'[28]Yaveh Ty aze mirehake i Kyrosy hoe:' Re ro mpiarake agnondriko, hanao ty fagniriako iaby re, handily ty amy Jerosalema Re ty hoe:' Hatsanga ndraike re' naho ty amity tempoly hoe:' Ao haore reo fotoranao.'"



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 45

[1]Zao ro safa Yaveh amity voahosone, amy Kyrosy, ze taneko amity tagnane ankavana, mba haharese reo firene eo
agnoloane, mba hampilavo lefo ty mpanjaka, naho mba hamoha ty varavara eo agnoloane, mba hijano hivoha
reo vavahady.[2]"Hindeha eo agnoloanao raho naho hampahity reo vohitse; ho tampatampaheko reo varavara
varahy naho ho poteheko reo bara vy, [3]naho hameako anao reo harea ty ieke vaho ty harea nihaja, mba
hahaianao fa Zaho, Yaveh, ro mikaike anao amity agnaranao, le Zaho, ty Zagnahare Israely.[4]Noho ty amy Jakoba
mpanompoko, vaho Israely voafiliko, le nikaike anao tamity agnaranao Raho: nagnomea anao agnaran-kasy, na
le tsy nahay ahy aza riha. [5]Zaho ro Yaveh, naho tsy misy hafa; tsy misy Zagnahare hafa tsy raho. Zaho ro haniky
anao hoamity aly, na le tsy nahay Ahy aza riha; [6]mba hahaia ty ndaty zisikagne amity fivakia ty andro, ka le
zisikagne ahandrefa, fa tsy misy zagnahare hafa tsy raho: Zaho ro Yaveh, naho tsy misy hafa.[7]Zaho ro nanao ty
mazava naho nanao ty maieke; zaho ro minday filamina naho mahavy loza; Zaho ro Yaveh, teie manao ze zaka
iaby zay. [8]Nareo ry lagnitre, ao hagnora bakagne ambone! Ao ty raho hagnora hamarea. Ao ty tane hitioke zay,
mba hitsimoke miarake amizay famonjea, naho hiara-hitiry amizay ty hamarea. Zaho, Yaveh, ro nanao iereo.
[9]Loza hoahy ze mialy amize nanao aze, amize hoe ty velagne tane eo agnivo reo velagne tane hafa eo amity tane
avao! Feie vao ty tanemanga mba mirehake amity mpanefe tanemanga hoe:' Ino injato amboarenao?' na 'Tsy
mahafehe zay ty asanao'?[10]Loza hoahy ze mirehake amity rae ty hoe:' Ino ty aterako?' na amin-ampela ty hoe:' Ino
ty akarenao?'[11]Ezao ro safa Yaveh, ty Raike Masy Israely, Mpahare aze:' Nagnino riha ro magnotane ty amize
ataoko ho ahy ty anako? Mirehake amiko za tokone hatao mikasike reo asa ty tagnako vao riha?[12]'Zaho ro nanao
ty tane naho nanao ty ndaty teo amizay. Ty tagnako ro namelatre ty lagnitre, naho Zaho ro nandily ty kinta iaby
mba hiboake.[13]Zaho ro nanao Kyrosy tamity hamarea, naho zaho ro hanalama ty lalane iaby. Re ro hananga ty
tanako; re ro hampoly reo ndatiko sesetane, naho tsy misy viline na vandevande,"'hoe Yaveh tompo ty maro.[14]Zao
ro safa Yaveh:" Ty filiram-bola Egypta vaho ty entam-baro Etiopia amireo Sabeana, ze ndaty lava ranjo, le ho ente
aminao eo. Ho anao reo. Hagnorike anao rey, hindeha miarake amity gadra vy. Hihohoke aminao eo rey ka hifona
aminao hanao ty hoe:' Miarake aminao vatane ty Zagnahare, naho tsy misy hafa tsy Re."'[15]Mare vatane fa Riha ro
Zagnahare ze magnaja ty vatanao, ry Zagnahare Israely, Mpamonje.[16]Hiara-megnatre vaho ho afa-baraka iaby
rey; reo ze manao sampe voasokitre le hindeha amity fahafaham-baraka. [17]Fa havota Yaveh amity famonjea
zisikezay Israely; tsy ho megnatre na ho afa-baraka sase riha.[18]Zao ro safa Yaveh, ze nanao ty lagnitre, ty
Zagnahare mare ze nanao ty tane vaho nanao zay, ze nagnore zay. Re ro nanao zay, tsy manahake fakofako, fa
nataone mba ho azo hitoboha:" Zaho ro Yaveh, naho tsy misy hafa.[19]Tsy nirehake moramora, tagne amity toera
mihaja Raho; tsy mba nirehake tamity foko Jakoba Raho ty hoe:' Paio fahatane Raho!' Zaho ro Yaveh, ze mirehake
mare; zaka mare ro ambarako.[20]Avorio ty vatanareo ka avia! Miaraha-mivory, nareo mpifindra-tana bakagne
amireo firene! Tsy mba manam-pahaia, reo ze minday sare voasokitre vaho mivavake amity zagnahare ze tsy
afake mamonje.[21]Miharinea naho atalilio amiko zay, ento ty porofo! Ao iereo hiara-himonomono. Ia ro nanoro zay
zisike ty ela? ro nitory zay? Tsy Zaho Yaveh vao? Tsy misy Zagnahare laha tsy Zaho, le Zagnahare mare vaho
Mpamonje; tsy misy hafa tsy zaho.[22]Miheregna amiko naho ao ho voavonje, ry fara ty tane iaby; fa Zaho ro
Zagnahare naho tsy misy hafa tsy Raho. [23]Mifanta amity vatako Rao, mirehake ty lily mareko, naho tsy hihemotre
zay:' Amiko ro hiforetre ty ongotre iaby, naho hifanta ty lela iaby.[24]Hitalily ty Amiko iereo ty hoe:" Ao amy Yaveh
arere avao ty famonjea vaho ty here."""Ho megnatre iaby reo ze meloke amine. [25]Ao amy Yaveh ro hagnamarea ty
foko Israely iaby; ao amine ro hirehareha iereo.

## Chapter 46

[1]Mihohoke ty Bela, miondreke ty Nebo; reo sampe iereo le ente ty biby hare vaho biby folahe. Reo sampe ze
entenareo reo le enta-mavesatre ho ahy ty biby rerake. [2]Miara-miondreke iereo, miara-mandohaleke; ka tsy
mahavonje ty entane, naho iereo le fa lasan-ko azo.[3]Dranjigno raho, ry foko Jakoba, ry foko Israely sisa iaby, ze le
fa nienteko taloha ty haterahanareo, le fa binabeko zisikagne antroke. [4]Eka ne le amity taom-piterahanareo aza,
le tsy miova raho, naho mandra-paha foty ty volonareo le hinday anareo raho. Nanao anareo Raho ka hitrotro
anareo; hinday anareo Raho naho hagnavotre anareo.[5]Aminia ro hampitovize nareo Amiko? Ia ro dinehenareo fa
mitovy amiko, ka azo ampitovize zahay? [6]Nagnily volamena bakao agnate kitapo ty vahoake naho nandanja zay
teo amity fadanja. Magnarama mpanefe Vy iereo, naho mamboatre zay ho zagnahare re, mihohoke vaho
manompo zay iereo.[7]Magnakatre zay eo antsorone iereo ka minday zay, mametrake zay eo amity toerane iereo,
mitsanga eo amity toerane zay naho tsy mihetseke eo. Mitaray amizay iereo, kanefa tsy afake mamale na
mamonje na ia ia amity lozane zay.[8]Hevero ty miomba reo zaka reo, ko atao tsinontsino reo, ry mpavande!
[9]Dineho ty miomba reo zaka vaho tsy ela, reo tamity fotoan-dasa, fa Zaho ro Zagnahare, naho tsy misy hafa, Zaho
ro Zagnahare, naho tsy misy na ia ia mitovy amiko.[10]Ambarako agne amboalohane ty fiafara, naho aloha zay
mboe tsy niseho; Zaho manao ty hoe:" Ho lefe ty fikasako, naho hanao arake ze fagniriako Raho." [11]Kaiheko
bakagne antignana ty voro mpimpay, naho ty ndaty voafiliko bakagne amity tane lavitre; eka, le fa rinehako; ka
hataoko; le fa natoloko, ka hataoko avao kea zay.[12]Midranjigna Ahy, nareo ry vahoake mafe taoke, ze lavitre ty
fanoa ty mahity. [13]Mampiharine ty hamareako Raho; tsy lavitre zay, naho tsy mandy ty famonjeako; naho
hagnomea ty famonjea ho ahy Ziona vaho ty hasoako ho ahy Israely Raho.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 471Mizotroa ka mitoboha eo amity deboke, ry anakampela verijine Babylona; mitoboha eo amity tane tsy misy fiambonea, ry anakampela Kaldeana. Tsy ho kaihe hoe soa vaho maleme sase nareo.

2Raeso ty fadisanam-bare ka mandisana vare; afaho ty voalinareo, afaho ty akanjo lavanareo, aboridagno ty
tombonareo, ka mitsaha ty renerano.3Hiseho tsy misiky nareo, eka, ty hegnanareo le ho hisake: Hamale fate Raho
naho tsy handefetre amity ndaty. 4Ty Mpagnavotre antika, Yaveh tompo ty maro ro agnarane, ty Raike Masy ty
Israely. 5Mitoboha amity milamy naho mindeha agne amity maieke, ry anakampela Kaldeana; fa nareo le tsy
hatao ty hoe andriam-bave ty fanjaka sase.6Meloke tamity vahoakeko Raho; nandoto ty lovaho Raho naho
nagnomea reo ho eo antagnanareo, kanefa tsy nanoro fiferegnay tamiereo nareo; nametrake joka mavesatre
tamity antetre nareo. 7Hoe nareo ty hoe:" Handily zisikagne manahake ty fiambonea ty andriam-bave raho." Tsy
nandrae reo zaka reo tamity arofo nareo, na nidineke zay ho fivalihane.8Ka dranjigno te amizao, nareo ze tea
hasoa vaho mitoboke am-pilamina; nareo ze manao anakam-po hoe:" Misy raho, naho tsy misy manahake ahy;
tsy mananim-bata sase raho, na hivelo ty harobaha-nanake vatane." 9Fa ty zaka roe toa le hoavy tampoke
aminareo ao agnate ty andro raike: hoavy aminareo amity hafenoan-kere ty harobaha-nanake vaho ty tsy
fanagnam-baly sase, na le eo aza ty famosavianareo vaho reo fandraikiraeke nareo naho reo aolinareo.10Natoky
ty haratianareo nareo, hoe nareo hoe:" Tsy misy mahisake ahy"; ty hamareanareo vaho ty fahaianareo ro
mitarike anareo agne amity lalan-diso, fa hoe nareo manao anakam-po hoe:" Misy raho naho tsy misy na ia ia
mitovy amiko." 11Haharese anareo ty loza; tsy hahavita handroake zay nareo vaho ty fandraekeraeke nareo. Ho
ao aminareo ty harava; tsy hahavita hamafa zay nareo. Hagnisy tampoke anareo ty loza, aloha ty hahaianareo
zay.12Mahareta amity fanoanareo fagnozogna vaho ty famosavianareo ze nataonareo antsay tamim-patokisa
zisikamity hakeleanareo; mete hosoa nareo, mete hatahotre loza nareo. 13Rerake nareo noho ty fangala-dineke; ao
hitsanga reo ndaty reo ka hiaro anareo_reo ze miandrandra ty lagnitre vaho magnete ty kinta, reo ze
magnombara vola vaovao_ao iereo hamonje anareo amize hiseho aminareo.14Ingo, ho lasa mololo iereo. Hagnoro
iereo ty afo. Tsy hahavonje ty fiaine eo antagna ty lelan'afo iereo. Tsy hisy vaen'afo hahamay iereo naho tsy
hitoboke eo agnila ty afo iereo! 15Zao ro le fa nahavy iereo ho aminareo, reo ze le fa niara-niasa taminareo, naho
niara-nivily vaho niara-nivarotre taminareo tamy ty mboe nikele nareo, naho ie iaby le mboe manao ty
hagegeane avao; naho laha fa mikaike vonje nareo, le tsy hisy na ia ia afake hamonje anareo."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 48Toko faha 48

[1]Minjajigna ezao, nareo foko Jakoba, ze kinaike amity agnara Israely, vaho ze bakamity rano Joda; iriha ze
mifanta amity agnara Yaveh naho mangatake ty Zagnahare Israely, nefa tsy tama tsitsampo na fomba mare. [2]Fa
mikaike ty vatane ho vahoa ty tana masy iereo vaho matoky an Nagnahare ty Israely. Yaveh Tompo ty maro ro
agnarane.[3]"Fa vinolako ty zaka tamity taloha, Naboa ty vavako iereo, vaho nampalaza iereo raho, Vaho tampoke
ro nanovako iereo vaho niavy soa handrio iereo. [4]Satria nahay raho fa be hereloha riha, ty hozatse ty hatonao le
manahake ty vy, vaho ty handrenao le manahake ty varahy. Kea le nataliliko taminao aloha ze zaka zay, [5]aloha ty
isehoa gnizay lefa nampivola anao raho, kea tsy tokone hivola riha tihoe; 'ty aoliko ro fa nanao iereo, ndra'ty
saren koliko naho saren jakako aile ro nandily ze zaka zay.'[6]Fa naharey ze zaka zay riha; henteo ty porofo gnize
iaby zay, vaho iriha, tsy hagneke vao riha fa ze vinolako le mare? Manomboke zao, maneho anao zaka vao raho,
zaka miviny ze tsy mboe haetso. [7]Vaho Izao, vaho tsy tamity taloha eo, satria avy iereo, vaho taloha ty androane
le tsy mboe naharey ty mikasike iereo riha, kea tsy hahay ty hivola riha tihoe, Eka, Iraho mahay iereo.'[8]Tsy mboe
naharey mihintsy riha; tsy nahay riha; ze zaka zay le tsy nanoe ho ahy ty sofinao aloha. Fa haetso fa iriha le tena
mpamitake, vaho fa mpivory zisikantroke agne.[9]Fa naho ty agnarako le lefereko ty siako, vaho naho ty hasiko ro
hisalasalako ty amity fandrobaha anao. [10]Ingo, linioko riha, nefa tsy manahake ty volafoty; fa nagnalio anao
tamity laforo ty fijalea raho. [11]Naho ty vatako, eka naho ty vatako ro hanovako izay; fa hanao akore ty hagnegako
ty agnarako ho fahafahm baraka? Tsy hameako ndaty hafa ty hasiko.[12]Minjajigna ahy, nareo Jakoba, naho nareo
Israely, ze kinaiko: Ezao ro ie; Iraho ro voalohane, vaho Iraho avao kea ro farane. [13]Eka, ty tagnako mampipoke ty
fagnoregna amity tane eo, vaho ty tagna ty ndaty mare hovelare amity lagnitse; Lahaa mikaike iereo raho, le
miharo tsanga iereo.[14]Mivoria nareo, inareo iaby, vaho minjajigna! Ia taminareo eo rofa nitalily ze zaka zay? Ze
tea Yaveh ro hamita ty teane handietse ani Babylona. Hanao ze tea Yaveh handiera Kaldeana reo. [15]Iraho, fa
nivola raho, eka, fa nampikaike aze raho, fa ninday aze raho, vaho hovagno re.[16]Mbamiko mbeto, minjajigna
ezao: Zisika ampanomboha ro fa tsy nivolagnako tamity mangike; lahafa miseho zay, le eto raho."Amizao Yaveh
Tompo ty maro ro nagnirake ahy, vaho ty Fagnahine.[17]Ezao ro natalily Yaveh, mpagnavotse anao, iaze toka Masy
ty Israely: "Iraho ro Yaveh Zagnahare nao, ze magnanatse anao ho vagno, ze mitarike anao amity lala tokone
hombanao. [18]Laha mba fa nagneke ty liliko riha! Le fiadagna naho hasoava ro nikororoke manahake ty rano,
vaho ty famonjeanao le manahake fitosahan driake reo.[19]Tsy ho hisake manahake ty faseke fokonao reo, vaho ty
anake aboa ty trognao hitovy isake manahake ty vihy paseke; ty agnara gniereo le tsy ho tampake ndra ho foa
baka agnoloako eo.[20]Miboaha hiala a Babylona agne! Milaisa Kaldeana reo! Atalilio amity feo hikorake zay!
Ampalazao zay, aelezo zisikampara ty tane zay! Volagno tihoe: Fa nagnavotse andre Jakoba mpanompone ty
Yaveh,'[21]Tsy narandrano iereo laha nindesene tagnefetse agne; nampikororke ty rano bakamity vatolampy hoe
iereo re; nampipilake ty vatobey re, vaho nitsororoke rano reo. [22]Tsy misy fiadagna ho ahy ty raty fagnahy-hoe ty
Yaveh."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 49Toko faha 49

[1]Minjajigna ahy, iriha nosy! Amizao hevero raho, inareo vahoake lavitse. Fa kinay gn'Yaveh zisikamity niterahako
tamity agnarako raho, lahafa ninday ahy hoan tane eto ty roeneko. [2]Nanoene manahake ty mesobey maragnitse
ty vavako; navininy tamity alo ty tagnane raho; nanoene manahake ty ana kiditse sinafosafo raho, tan tragno ty
ana kiditse ro naminiane ahy.[3]Nivola tamiko iereo; "Iriha ro mpanompoko, Israely, ze hanehoako ty hasiko."[4]Fa
namale raho tihoe: "Laha nandineke raho tihoe niasa mafe, le nandany ty hereko tamity zaka foa raho, fa fa amy
Yaveh ao ty rarene ze ahy, vaho ty valy ty asako le amy Naganahre ao.[5]Amizao Yaveh le mivola-Ire iaza namoro
ahy zisikamity niterahako oy ho mpanompone, soa hagnere amity nataone ndraike andre Jakoba ho aze vatane,
ka hampiharo ty Israely ho amine eo, fa amean kasy amaso gn'Yaveh eo raho, vaho nizare hereko ty
Zagnahareko-[6]vaho hoe re: "Zaka kele aminao ty ho mpanompoko ze hagnore ndraike ty foko Jakoba vaho
hagnere sisa tsy mate reo amy Israely. Hanao ho hazava anao amity Jentilisa raho, iriha ze mete ho famonjeako
ampara ty tane agne."[7]Ezao ro tsarae Yaveh, mpagnavotse ty Israely, iaze Masy raikey, amity raike ze mana fiagna
tsy nasia dikane, hala firene reo, vaho ndevo mpandily reo tihoe: "Ho hisa ty mpanjaka riha vaho hitsanga, vaho
hahisake anao roandria reo ka hiondreke, naho Yaveh ze matoky, ndra le ty Rae Masy Israely, z3 nifily anao
aza."[8]Ezao ro tsarae Yaveh: "Amity andro ze handiliako hanehoako ty fagnekeako le hamale anao raho, vaho
amity andro ty famonjea le hagnampe anao raho; hiaro anao raho, vaho hagnomey anao manahake ty fagnekea
ho ahy ty vahoake, soa hanagana ndraike ty tane, hitingy ndraike ty lova fa lany .[9]Hivola amy gadra riha tihoe:
'Magnatogna;'reo ze agnate ty tragno maieke tihoe: "Aseho ty vatagnareo." Hihina amy lala reo agne iereo, vaho
hantsa mangoakoake iaby reo le ho akata hoe iereo.[10]Tsy ho kere na haeakeake; na hafana bey ndra ho voa ty
masoandro iereo, fa ire ze mana tsetse amy gniereo ro hitarike iereo; hiarake iereo ho amy loharano reo re. [11]Le
hanao vohitse iaby reo ho lala raho, vaho hanao lalam bey reo hisondrotse.[12]Ingo, ho avy amity tane lavitse agne
iereo, ty ilane iaby amity avara agne naho ty antignana; vaho ilane iaby amity tane ty Sinima agne. [13]Miantsa,
lagnitse, vaho mifalea, nareo tane; mivakia amity fiantsa, inareo vohitse! Fa magnahere ty ndaty Nagnahare,
vaho hana tsetse amy mijale reo eo.[14]Fa I Ziona nivola tihoe: "Nahafoe ahy ty Yaveh, vaho nagnaligno ahy ty
Tompo." [15]Feie vao regne hahavita hagnaligno ty anane, minono antratrane eo, ka tsy hana feregnay amity anake
lahine ze naterane? Eka, mete hagnaligno re, fa Iraho tsy hagnaligno anao.[16]Ingo, fa vitako tombo kavatse
antagnako eo ty agnaranao. agnoloako eo avao ty lakoronao. [17]Ty anagnareo le mandeha malaky afara ao, laha
mboe miala aminao reo ze mandrobake anao. [18]Henteo ty magnodidy ka magnete, mivory feno anao iereo iaby
vaho magnato anao. Laha mboe miay vatane raho-izay ro fitalilia gn'Yaveh-Hisiky manahake ty ravake vatane
riha, vaho hisiky iereo manahake ty ampakare riha.[19]Fa Fa vere naho rava riha, tane rava, amizao le ho kele
vatane riha amy ndaty reo, vaho reo ze nihina anao le hiala lavitse. [20]Ty kolo ze haterake amity andro ty alahelo
le hibisibisike antsofy nao eo tihoe: "Tere loatse ho anay ty pilasy, manova efetse ho anay, hahafahanay mitoboke
eto."[21]Le hagnotane vata riha tihoe; "Ia ro niterake kolo retoa ho ahy? Fa miarake naho nalahelo raho, sesetane
vaho nisaram baly. Ia ro nananga ty kolo retoa? Ingo, nenga raike vatane raho; baka Aia ro niavia gnizay?""[22]Ezao
ro tsarae Yaveh Tompo tihoe: "Ingo, hanondrotse ty tagnako amy firene reo eo raho, hanondrotse ty fagnevako
amy vahoake reo raho. Hinday anake lahinao reo ambatane eo naho anak'ampela nao reo antsorone eo iereo.[23]Ty
mpanjaka ro ho rae mpamelo anao, vaho mpajakavavene reo ro hifehe anao; hiondreke miarake amity tarehene
amity tane aminao iereo vaho hamafa ty lemboke antombonao eo; vaho haenao fa Iraho ro Yaveh; reo ze niambe
ahy le tsy ho megnatse."[24]Feie vao hae ala amy mpialy voasambotse reo? ndra reo ndevo ho vonje amity mafe?
[25]Fa izao ro tsarae Yaveh: "Eka, halae amy mpialy ndevo reo, vaho ho vonje voasambotse reo; fa handietse
rafenao reo vaho hagnavotse anagnao reo.[26]yHofahanako nofo ty vatane reo mpampijale anao; vaho ho mamo ty
lio ty vatane iereo, manahake ty hoe laha divae zay. Le ho hay ty ndaty iaby fa Iraho, Yaveh, ro Mpamonje naho
Mpagnavotse anareo, iaze raike Mafe ndre Jakoba ay."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 50Toko faha 50

1Ezao ro tsarae Yaveh: "Aia ty fagnamariham-pisaraha nisarahako tamy renegnareo? Ia tamy mpanambotse ahy
reo ro nivarotse anareo? Ingo, navily nareo naho hadisoanareo reo, vaho naho fivorianareo reo, le nalefa
nandeha ty renegnareo.2Nanao akore raho ro niavy kanefa tsy nisy ndaty tagne? Nanao akore raho nikaike
kanefa tsy namale? Feie vao bory loatse ty tagnako hagnavotse anareo? Feie vao tsy nanan kere raho hamonje
anareo? Ingo, amity fivolagnako mafe ro anihako ty riake; hanao rano reo ho efetse raho; mate ty tsy fisian drano
naho arandrano ty hetae dranone. 3sikineko ieke ty lagnitse, lamba fandala ro anakofako izzy."4Ty Tompo Yaveh
ro fa nagnomey ahy lela manahake reo ze fa nagnare, soa hivolagnako vola mafe ho ahy ty rerake, Mamoha ahy
isake maraindray re; mamoha ty sofiko soa hinjajy manahake reo fa nanare re.5Fa nanokake ty sofiko Yaveh, kale
tsy mba nivory raho, na nivio mbafara agne. 6Nameako ho ahy reo ze namale ahy ty lambosiko, vaho ty tareheko
ho ahy reo ze nagnombotse ty volombavako; tsy naminy ty tareheko tamy fihetseke nahamegnatse reo naho
nampangory raho.7Fa ty Tompo Yaveh ro hagnampe ahy; naho izay le tsy ho afa-baraka raho; kea le fa nanao ty
tareheko ho afovato raho, satria haetso fa tsy ho Alam baraka raho.8Ire ze hagnamare ahy le agnoloako eo. Ia ro
handietse ahy? Ndao tika hitsanga hifagnatreke. Ia ro manara ahy? ao re hagneke ahy. 9Ingo, ty Tompo Yaveh ro
hagnampe ahy. Ia ro hasiake ahy? Ingo, iereo iaby ho driatse manahake ty siky, ty kadradrake ro hihina iereo.10Ia
aminareo ro matahotse ani Yaveh? Ia ro magneke ty feo ty mpanompone? Ia ro mandeha amity ieke laleke tsy
misy fatike? Tokone hatoky amity agnara Yaveh re ka hifikitse amy Nagnaharene.11Ingo, inareo iaby ze
mandrehetse afo; ze minday fatike; mandehana amity hazava ty anagnareo naho amity afo zze fa narehenareo.
Izay ro fa rinambenareo bakamiko, le hiroroanareo amity pilasy fanaintagna egne.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 51Toko faha 51

[1]Minjajigna ahy, nareo ze magnorike ty fahitia, inareo ze mila any Yaveh: Henteo ty vatobey ze nagnafaha nareo
naho ty fihaliam bato ze nagnafaha anareo.[2]Henteo Abrahama, raenareo, naho Sahara, ze niterake anareo; fa
tamy ie mboe raikey, le nikaike aze raho. Nitahy aze raho vaho nahamaro aze.[3]Eka, Yaveh ro hampiono ani Ziona;
hampiono reo pilasine banga re; ty tane efene nanoene manahake ani Edena, ty tane maike agnila ty Rano baibo
Jordana hanahake ty posy folera Yaveh; hafalea naho ntsinjake ro hisa amine ao, fandala, vaho feo ty antsa.
[4]"Mifantoha amiko, nareo vahoake; vaho minjajigna ahy nareo vahoako! Fa hagnakatse lily raho, vaho hanoeko
ho hazava ho ahy ty firene iaby ty fahitiako. [5]Marikitse ty fahitiako; hiboake ty famonjeako, vaho ty vatako ro
hitsara firene reo; tane agnila drano reo le hiambe ahy; fa ty vatako ro ambena iereo zisikagne.[6]Andrandrao
amity lagnitse egne ty masonareo, vaho henteo ty tane ambane, fa ho rava manahake ty setroke ty lagnitse, ty
tane ho voroke manahake ty siky, vaho ty ndaty amignizay eo ho mate manahake ty lagnitse. Fa ty famonjeako le
tsy hijano hiasa.[7]Minjajigna ahy, inareo ze mahay ty mare, inareo vahoake ze mana ty lalako ampognareo ao: "Ko
matahotse ty fandratiaratia ty ndaty na kivy amity fagnararaotane. [8]Fa ty kinakina hihina iereo manahake ty siky,
vaho ty soko hihina iereo manahake volo nagnodry; fa ho zisikagne ty fahitiako, vaho ho ahy ty foko iaby ty
famonjeako."[9]Mifohaza, mifohaza, sikino here ty vatagnareo, le ty vata Yaveh. Mifohaza manahake ty tamity
andro taloha, ty taranake tamity andro taloha. Tsy iriha vao ro nandialia andr dRahaba, iriha ze nitomboke
idragonay? [10]Tsy iriha vao ro nandritse ty riake, ty rano ty laleke vatane, vaho manao ty fagnambina ty riake ho
lalam pamonjea mba homba?[11]Ty navota gn'Yaveh le hihere vaho homba Ziona amity koram kafalea agne naho
ampifalea zisikagne amity loha gniereo; vaho ty fifalea naho tsinjake hameno iereo, ka hilay iereo ty siako naho
ty fandala.[12]"Iraho le Iraho vatane ro iaze magnahere anao oy. Ino ty hatahoranao ty ndaty, ze ho mate, ty
anagn'ondaty ze nanoe manahake ty akata?[13]Nanao akore nagnaligno ani Yaveh ze mpihare anao riha, ze
nanonjotse ty lagnitse naho nampipoke ty fagnamby ty tane? Miay amity tahotse zisikagne riha isan andro naho
ty firehe ty sia ty mpampijale laha tampakevetse ty handroba re. Aia ty sia ty mpampijale?[14]Ze miondreke, ho avy
malaky hagnafake ty Yaveh, tsy ho mate vaho tsy handeha hizotso an-davake agne, ndra tsy hana mofo re. [15]Fa
Iraho ro Yaveh Zagnaharenao, ze mampgnonja ty riake soa hampitrero ty onja gnizay-Yaveh Tompo ty maro ro
agnarane.[16]Fa nampipoke tambavanao eo tsarako reo, vaho nanakoke anao tamity alo ty tagnako ao raho, soa
hahafahako magnore ty lagnitse, naho mampitoboke ty fagnamby ty tane, la hivola amy Ziona tihoe: 'Vahoako
riha.'"[17]Mifohaza, mifohaza, mitsangana, nareo Jerosalema, iriha ze fa nino tamity tagna Yaveh bakamity finga ty
siane; iriha ze fa nino tamity finga, zisikegne amity ravene ambane amity kapoa ty fiviombigna. [18]Tsy misy tamy
anake lahy iaby reo ze naterane soa hitarike aze; tsy misy tamy anane lahy reo ze natsangane hinday aze.
[19]Miseho aminao porobolemo roe reo-ia ro halahelo iarake aminao?-harava naho fandrobaha, vaho ty kere naho
ty mesobey. Ia ty hagnahere anao? [20]Fa rerake anagnao lahy reo; tonta anjoro dalambey iaby egne iereo,
manahake ty diera agnate fandrike ao, mameno iereo ty siake gn'Yaveh, ty tsara mafe Nagnaharenao.[21]Fa amizao
njigno zao, iriha ze nampijale naho nimamoe, nefa tsy mamon divae: [22]Yaveh Tomponao, Zagnaharenao, ze
mandahatse ty mahazo ty ndatine, mitsara tihoe: "Ingo, fe hafahako tan tagnanao eo ty lanja ty fivembe- ty finga,
ze kapoahe ty siako-tsy hinomanao izay sasy.[23]Hanoeko antagna ty mpagnaraty anao zay, ze fa nitsara taminao
tihoe: "Mitsilagnesa soa hahafagnay mandialia anao; nanoenao hanahake ty tane naho hanahake ty lala
handehana gniereo ty lambosinao.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 52Toko faha 52

[1]Mifohaza, mifohaza, isikino ty herenao, nareo Ziona; isikino sikinao soa vatane reo, nareo Jerosalema, tana
masy; fa tsy hilitse aminareo sasy ty tsy vitatampake na ty maloto.[2]Ahimpao ty lemboke amity vatagnareo;
miaregna vaho Mitoboha, nareo Jerosalema; afaho ty rojo vy ambozognao eo, nareo anak'ampela Ziona ndevo.
[3]Fa izao ro tsarae Yaveh tihoe: "Navily maimaimpoa nareo, vaho ho vonje maimaimpoa."[4]Fa izao ro atalily ty
Tompo Yaveh: "Tamboalohame agne ty ndatiko nandeha nizotso nimba Egypta agne mba hitoboke zisike ty andro
misy farane; fa nampijale Asyria vaho tsiela iereo.[5]Amizao ino ty hanagnako eto-izay ro fitalilia Yaveh-hisake fa
nalae tamity tsy antone ty ndatiko? Mandratiraty reo ze mandily amy gniereo eo-izay ro fitalilia Yaveh-vaho
vinolambola avao ty agnarako isan'andro. [6]Naho izay ty ndatiko le hahay ty agnarako; ho hae gniereo amy ze
andro zay fa Iraho iaze mivola tihoe: "Eka, Iraho zay!"[7]Henhe ty hasoa ty tombo gny mpinday hafatse ambohitse
egne reo ze minday vaovao soa, ze mitalily fiadagna, ze minday tsara soa mahafale, ze mitalily famonjea, ze
mivola amy Ziona tihoe: "Manjaka ty Zagnaharenao!" [8]Njigno, manondrotse ty feone mpiambenao reo, miharo
koram kafalea iereo, satria hahisake ty fiheregna Yaveh amy Ziona agne iereo, ty maso gniereo iaby.[9]Miharoa
renge antsan kafalea, inareo rava gny Jerosalema; fa Yaveh lefa nagnahere ty ndatine; fa nagnavotse ani
Jerosalema re. [10]Fa naneho ty vatane masy tamaso ty firene iaby Yaveh; hahisake ty famonjea ty Zagnaharentika
ty tane iaby.[11]Miala, miala, miboaha etoa; ko mikasike zaka maloto; miala tagnivoane eo; liovo ty vatagnareo,
inareo ze minday ty hanagna gn'Yaveh. [12]Fa tsy tampoke ty hiboahanareo, na tahotse ro hialagnareo; satria Yaveh
le handeha Hialoha anareo; vaho iaze -Zagnahare Israely ro ho farandala gnareo.[13]Ingo, hiasa ampahendrea ty
mpanompoko; ho ambone naho hisondrotse re, vaho ho abo vatane. [14]Fa manahake ty nahavere ty maro taminao-
le simba loatse tsy manahake ty agnondaty ty tarehene, vaho tsy hisake manahake ty ndaty sasy ty Pozine.[15]Ndra
le izay aza, hambole firene maro ty mpanompoko vaho hagnily ty vavane naho iereo mpajaka. Fa ze tsy mboe
vinola iereo, le ho hisa gniereo, vaho ze tsy mboe re gniereo, le ho azo gniereo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 53Toko faha 53

1 Ia ro nino ze regne bakaminay, vaho tamy gnia ro nanehoa ty vata gn'Yaveh? 2 Fa nitombo manahake ty anan
ketae madineke tagnoloa Yaveh eo re, vaho manahake ty timoke bakamity tane maike; tsy nana hasoantarehe
mahavere na famirapiratse re; lahafa nahisake aze tika, le tsy nisy hasoa manaitse antika tegne. 3 Ire le tsy nasia
dikane ro niliere ty ndaty; ndaty ty alahelo, vaho Zatre fijalea. Manahake iaze raike ze haminia ty ndaty ty
tarehene, tsy nasia dikane re; vaho anoentika manahake ty tsy misy dikane. 4 Kanefa Ninday ty arentetika vatane
re vaho niaretse ty alahelontika; fa nandineke tika tihoe finay Nagnahare re, nasia Nagnahare, vaho nampijale.
5 Fa tinomboke naho asa fivoriantika reo re; poteke naho hadisoa ntika reo re. Ty saze ty fiadagnatika le tamine
eo, vaho tamy ferene reo ro hagnafake antika. 6 Itika iaby le manahake ty agnodry mandeha tamity lalan diso,
sambe nandeha tamity lalane iaby tika, vaho Yaveh nampipoke ty hadisoantika iaby tamine eo. 7 Nampijale re,
nefa lahafa nanolo bata re, le tsy nanokake ty vavane, tsy nanokake ty vavane manahake ty ana nagnodry ze
tarite ho amity vono agne ; naho manahake ty agnodry mitsy magnoloa ty mpagnety aze re. 8 Tamity fanerea naho
fitsara ro nanara aze; ia amo taranake eo ro mboe mandineke ty mikasike aze? Fa linany tamity tane ty velo re;
naho reo fandikan dily ty ndatiko le nanoe tamine eo ty fagnafaiza. 9 Nanoe gniereo niarake tamy mpangalatse
reo ty fasane, niarake tamy lahilahy manankanagnay ty fatene, ndra le tsy nanao hereloha aza re, na nisy fitake
aza tambavane eo. 10 Fa sitrampo Yaveh ty hamoteke aze naho hagnarare aze. Lahafa nanoene ho soro ho ahy ty
hadisoa ty aine, le hahisake ty fitofane re, hagnalava ty androne re, vaho ty tanjo Yaveh le ho vita amity
agnarane. 11 Afara ty fijaleane tamity fiagnane eo, le hahisake hazava re vaho ho afa-po amity fahaiane. Iaze
mpanompoko marey ro hagnamare ty maro; hinday ty hadisoa gniereo re. 12 Naho izay le hagnomey aze ty
anjarane amy maro reo eo raho, vaho hizara ndevo reo amity maro re, satria nampibarebare ty vatane tamity
fate re vaho nanoe ho ragne reo mpadikan dily. Ninday ty hadisoa ty maro re vaho nagnelagnela mpadikan dily
reo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 54Toko faha 54

1Miantsa, nareo ampela mikasike, inareo ze tsy niterake; mifalea amity antsa mpifalea vaho mikoraha mafe,
inareo ze tsy mba nihetse jaza. Fa ty ana ty mpinday vata le maro vatane naho ty ana ty ampela manambaly, hoe
ty Yaveh.2Anovo bevata kea ty tagnanareo vaho avelaro ty ambain daenareo, velaro soa; halavao ty talinareo
vaho hanafeso ty tsota ketae nareo. 3Fa hiale ankavana agne naho ankavia agne nareo, vaho taranagnareo reo le
handrese firene reo vaho hitoboke amy tana maike reo.4Ko matahotse fa tsy ho megnatse nareo, na kivy fa tsy ho
salabaraka nareo; hagnaligno ty hegna ty hatanoranareo naho ty fahafaham-baraka ty fagnega anareo nareo.5Fa
iaze Mpihare anareo oy ro valignareo; Yaveh Tompo ty maro ro agnarane. Iaze Rae Masy gn'Israely ro
Mpagnavotse anareo; Ire le kaihe tihoe Zagnahare ty tane iaby. 6Fa Yaveh fa nagnare kaike anareo hanahake ty
valy ze nenganareo naho malahelo ampagnahy, manahake ty ampela nanambaly tanora vaho nariane, "hoe ty
Zagnaharenareo.7Fa nagnary anareo zisike ty andro fohe raho, fa amity feregnay bevata ro hamoriako anareo.
8Tsiela tsiela avao ro naminiako ty tareheko taminareo tamity sikilone ty siake; fa amity fagnekea mafe tsy misy
mpijanognane ro hiferegnaisako anareo-hoe ty Yaveh, iaze raike ze magnavotse anareo oy.9Fa izao le manahake
ty sikilone Noa Amiko; manahake ty nifantako fa ty sikilone Noa le tsy handrio amity tane sasy, ro hifantako fa
tsy ho meloke aminareo na hivola mafe anareo raho. 10Na hitonta aza vohitse reo na kea hihozongozo aza haboa
reo, ty fiteako tsy miova kea le tsy hivio aminareo, na ty fiadagnako mafe ho voahozongozo-hoe ty Yaveh, ze
mitsetse anareo.11Inareo Osa, aviombio ty talio naho tsy mana fionogna, ingo, hanoeko amity vatosoa ty
rarivatgnareo, vaho amity safira ro hampipohako ty fotognareo. 12Hanoeko robina tilikambonareo reo vaho
mamiratse ty vavahady nareo, vaho ty lakoronareo ambalike amity vato soa tarehe agne.13Le Yaveh ro
hagnanatse anagnareo iaby reo; vaho ho bevata ty fiadagna anagnareo reo. 14Amity fahitia ro hagneregnako
anareo amity nataone. Tsy hiay fagnejeha sasy nareo, la tsy hatahotse nareo, vaho tsy hisy ndra ino ndra ino
mampatahotse ho avy agnilanareo eo.15Ingo, laha misy ndaty mitarike koronta, le tsy bakamiko zay; ndra ia ndra
ia mitarike koronta aminareo eo le ho tonta amity harese. 16Ingo, fa nahare mpanao sata tagna, ze mitioke ty vae
nafo mirehetse naho manefe fiasam pialia avao raho, vaho fa nahare ty mpamoteke hamoteke raho.17Tsy misy
fiasa mpialia ze finoro handiera anareo haharese, vaho inareo le haganameloke ze iaby manara anareo. Izay ro
lova mpanompo Yaveh reo, vaho ty fahitia gniereo bakamiko-izay ro fitalilia gn'Yaveh."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 55Toko faha 55

[1]"Avia, nareo iaby ze maeakeake, mandehana Mbamo rano mbeo, vaho inareo ze tsy manan bola, avia, mivilia
vaho mihinana! Avia, mivilia divae naho ronono tsy andoavam bola sady tsy misy viline.[2]Nanao akore nareo ro
mandanja volafoty ho amy ze tsy mofo, vaho nanao akore nareo ro miasa mafe amy ze tsy mahafa po anareo?
Njigno soa raho ka mihinana ze soa, vaho amity havondraha ro ho tea ty fianareo.[3]Atokilagno ty sofignareo vaho
magnatogna amiko atoy! Minjajigna, le ho velo nareo. Hanao fagnekea zisika aminareo agne raho: ty Tokieko,
fitea mafe nampagnatena andre Davida. [4]Ingo, fa nanoeko amity pilasine manahake ty vavolombelo ho ahy firene
reo re, manahake ty mpitarike naho mpandily ho ahy ty vahoake.[5]Ingo, hikaike ty firene ze tsy hainareo nareo;
vaho ty firene ze tsy nahae anareo ro hilay ho aminareo agne naho Yaveh Zagnaharenareo, iaze masy Israely, ze
fa nagnomey hasy ho anareo oy."[6]Mila ani Yaveh amy ie mboe hisake eo; mikaiha aze amy ie mboe marikitseo. Ao
hiala amity lalane ty raty fagnahy, vaho ty mpadiso hiala amity dinene. [7]Ao re hihere amy Yaveh, le hiferegnay
aze re, vaho Zagnahare ntika, ze hagnega vatane aze.[8]Fa ty heveko tsy hevegnareo, na ty lalagnareo tsy lalako-
izay ro fitalilia Yaveh-[9]Fa hanahake ty haabo ty lagnitse ze abo vatane naho ty tane, ro haabo ty lalako kea naho ty
lalagnareo, vaho ty heveko mihoatse naho ty hevegnareo.[10]Fa manahake ty ora naho ty havandra hipoke baka
andagnitse egne ka tsy mihere egne laha tys hoe mameno ty tane reo vaho hamokatse naho hitimoke izay vaho
hagnomey voa ho ahy ty mpambole ze mambole vaho mizara mofo ho ahy ty mpihina, [11]Kea ho aloa ty vavako
avao kea ty tsara: tsy mba hihere amiko amity tsy misy dikane zay, feie izay ro hagnataterake ty irieko, vaho ho
vagno reo ho amy ze nalefako ahy zay.[12]Fa hiboake am mpifalea nareo vaho hotarite am piadagna: vohitse reo
naho ty haboa le ho vaky amity korake mpifalea agnatreaha gnareo eo, vaho ty hetae ty baibo le hiteha tagna.
[13]Laha tokone ho lakoro fatike, le ty kipreso ro hitiry: vaho tokone fatike, le hetae Rota ro hitiry, vaho ho ahy
Yaveh zay, fa ty agnarane , manahake ty famantara ze tsy ho tampake zisikagne.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 56Toko faha 56

[1]Ezao ro tsarae Yaveh: "Ambeno ze mare, manova ze rarene; fa marikitse ty famonjeako, vaho fa haseho ty
fahitiako. [2]Voatahy ty ndaty ze manao, naho mitanjake mafe izay. Ire le miambe ty Sabata, fa tsy mandoto izay,
vaho mifehe ty tagnane amity fanova draty."[3]Ao ty hafa firene ze avy mpagnorike ani Yaveh tsy hisy hanao tihoe:
"Hagnafake ahy amy vahoane reo vatane Yaveh." Ty tandapa tsy tokone hivola tihoe: "Ingo iraho fa hetae
maike."[4]Fa izao ro tsarae Yaveh: "Ho ahy tandapa reo ze miambe Sabatako reo, naho mifily ty teako, vaho
mintajake ty fagnekeako, [5]hoe iereo ro hananganako antragnoko ao naho agnate ty lakoroko ao ty tsangam bato
ze soa vatane naho ty managnanake lahy naho anak'ampela. Hagnomey iereo tsangam bato mafe zisikagne ze tsy
ho tampahe mihintsy raho.[6]Hafa firene reo ze miarake amy Yaveh avao kea-soa hanompo aze, vaho reo ze tea ty
agnara Yaveh hirenge aze, ty ndaty iaby ze miambe ty Sabata, ze mitanjake amity tsy fandotoa izay, vaho ze
mitanjake ty fagnekeako [7]le hindeseko ambohitse masy agne vaho hampifaleako antragno fivavahako ao iereo; ty
raketse oroa naho ty soro gniereo le heke ambone ty alitarako eo. Fa ty tragnoko hokaihe tihoe tragno fivavaha
ho ahy ty firene iaby.[8]izay ro fitalilia Yaveh Tompo, ze mamory vahoa Israely reo-mboe hamory hafa reo ho
fagnampe gniereo raho."[9]Inareo bibily iaby ambaibo agne, avia arapaho, inareo bibily iaby agnala agne! [10]Mpitily
iereo reo le goa, tsy mahatakatse iereo. Amboa Moa iaby iereo ka tsy mahae mivovo. Magninofy, naho
mibalibalike iereo vaho tea Roro.[11]Tea Hane vatane amboa reo; tsy mete vintsy mihintsy iereo; mpiarake agnodry
tsy mahay mamolily iereo; nivio tamity lalane iaby iereo iaby reo, sambe tea tombone tsy amity rarene ty
kiraidraike. [12]"Avia" hoe iereo: "Ndao hino divae naho toake tika. Hanahake ty androany avao ty hamaray, andro
bevata tafahoatse."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 57

[1]Mate ty mare, nefa tsy misy midineke zay, naho navory ty ndaty ty fagnenkea matoky, nefa tsy misy ndaty
mahatakatre fa avory bakamity raty ty mare. [2]Militre ao amity fiadagna re; mitofa eo ampiroroane iereo, le re ze
mindeha amity fahitiane.[3]Fa mamonje eto, nareo ana ty mpagnorikandro, ana ty mpitsangatsanga naho ty
ampela ze le fa nivarotre ty vatane. [4]Ia ro magnafake amin-kafalea anareo? Aminia ro anokafanareo vava vaho
hiakara nareo lela? Feie vao tsy anako mpavande, anako mpamitake nareo?[5]Magnafana ty vatanareo amity
fiaraha miroro eo ambane ty hetae terebinta, ambane ty akata-maintso iaby nareo. Nareo ze mamono ty
ananareo eo amity renerano maike, eo ambane ty tsefatsefa ty vato.[6]Amireo kilonjy malama ty reneranom-baibo
reo zaka ze tinendreko ho anareo. Reo ro anto ty fanolora-bata nareo. Nareo le magnily ty fagnatenareo sotroe ho
ahy iereo vaho magnakatre ty fagnatetre vare. Amireo zaka reo vao ro tokone hifaleako?[7]Nagnoma ty
fandreanareo tagne ambohitse agnbo nareo; niakatre tagne kea nareo mba hanolotre reo soro. [8]Tao amboho ty
varavara vaho ty tolam-baravara ro nametrahanareo reo famantaranareo. Nareo le nilay niala Ahy, nampiborida
ty vatanareo, naho niakatre; nampianjake ty fandreanareo. Nanao fagnenkea tamiereo nareo; nitea ty fandrea
iereo nareo; nahisake ty faritre saro-paline nareo.[9]Nimbaeo amy Moleka niarake tamity diloilo nareo; nanombo
ty zaka-magnitre nareo. Nandefa reo iranareo lavitre nareo; nizotro tagne amity fiaigna-tsy hisake nareo.
[10]Rerake ty lianareo lavitre nareo, nefa tsy nirehake kea nareo ty hoe:" Tsy misy fagnantegna zay." Nahisake
fiaigna teo antagnanareo nareo; laha zao le tsy nihasoa nareo.[11]Ia ro mariha nareo? Ia ro atahoranareo mafe ka
nahavy anareo hamitake, ka tsy nahatiaro na nieretreretre Ahy nareo? Satria nitsy fa ela raho naho tsy natahotre
Ahy sase nareo. [12]Hitalily reo asa marenareo vaho hitalily ze le fa nataonareo iaby Raho, fa tsy hagnampe anareo
rey.[13]Laha fa mitaray nareo, ao hamonje anareo reo karazan-tsampenareo. Laha tokone ty tioke ro hinday aze
iaby reo, le ty fofo gnay ro hinday aze iaby. Fa ze mialoke Amiko le handova ty tane vaho hangalake ho fanagna ty
vohiko masy.[14]Hirehake re ty hoe:' Amboare, Amboaro! Savao ty lala! Afaho eo amity lala ty vahoakeko ty zaka
manafintohy iaby!"' [15]Fa zaho ro rehafe ty ambone vaho agnabo, te velo zisikagne, masy ty Agnarane:" Zaho le
mitoboke amity toera agnabo vaho masy, miarake amine kea ty fagnahy torotoro vaho tsy mieboebo, mba
hameloma ndraike ty fagnahy reo ze tsy mieboebo, naho mba hameloma ndraike ty arofo reo ze manegne.[16]Fa tsy
hita zisikezay, na ho meloke zisikezay Raho, fa ty fagnahy ty ndaty le rerake teo agnoloako, le reo arofo ze
nanoeko. [17]Noho ty hadisoa ty tombone tsy ara-drarene, le meloke Raho, naho nagnalilo Aze; nagnaja ty tareheko
Raho naho meloke, nefa nindeha tamity lala ty arofone re.[18]Le fa nahisake ty lalane Raho, nefa hafaheko re.
Hitarike aze Raho naho hagnamafe vaho hampiono reo ze mandala ho aze, [19]naho forogneko ty voka reo sognine.
Fiadagna, fiadagna, hoahy reo ze agne lavitre vaho ho ahy reo ze marine_hoe Yaveh_hafaheko iereo.[20]Kanefa reo
raty fagnahy le manahake ty riake misavoaravoara, ze tsy afake mijano, naho ty rano zay le fotake
misavoaravoara. [21]Tsy misy fiadagna ho ahy ze raty fagnahy_hoe ty Zagnahare.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 58

1"Mitagnia mafe; ko tane. Akaro manahake ty trompetra ty feonao. Atreho amity vandene ty ndatiko, naho amity
hadisoane ty foko Jakoba. 2Kanefa mboe mipay ahy isan'andro iereo naho fale amity fahaia ty lalako, manahake
ty firene ze nanao ty hamarea naho tsy nahafoe ty lily ty Zagnahare iereo. Mangatake fitsara mare amiko iereo;
fale amity fandineha ty fagnarinea an'Agnahare iereo.3'Nagnino zahay ro nifaly' hoe iereo, 'kanefa tsy hisanao
zay? Nagnino zahay ro tsy nieboebo, kanefa tsy hainao?' Ingo, amity andro ty fifaleanareo ro hahisahanareo ty
fahaleanareo arere naho ampijalenareo ty mpiasanareo iaby.4Ingo, mifaly hane nareo mba fandietre vaho hialy,
naho hagnisy amity komondro ty haratianareo; tsy mifaly nareo androany mba ho rey agne ambone ty feonareo.
5Zay vatane vao ro karaza fifalea teako: Andro tsy hieboeboa gniaby iaby, mba hagnondrehane ty lohane
manahake ty volotara, naho hamelarane lamba fandala vaho lavenoke ao ambanene? Fifalia vatane vao ro
anovanareo zay, andro ifalea Yaveh?6Tsy zao vao ro fifalia filieko: Ty hagnafake ty fehea ty haratia, ty hamaha ty
taly ty joka, ty hagnafake reo torotoro, ty handily ty Joka iaby? 7Tsy ty hizara ty mofonao amity kere naho hinday
reo mahantra vaho reo tsy manan-kialofa ho ao antragnonao vao?" Laha fa mahisake ndaty miborida riha, le
tokone hampisiky aze; naho tsy tokone hagnaja ty vatanao amireo longonao avao riha.8Le hipoake manahake ty
masoandro ty hazavanao, vaho hitimoke malaky ty fagnasitragna anao; handeha agnoloanao eo ty fahitianao,
vaho ty hasy Yaveh ro ho volin dalagnao.9Le hikaike riha, vaho hamale ty Yaveh; hikorake famonjea riha, vaho
hivola re tihoe; "Intoy raho." Laha afahenao hiala aminao ty joga , ty fanondro manasara, vaho ty lahambola ty
haratia, 10laha magnomey ho ahy ty kere riha vaho magnavoky ty tran mpijalea; le hiboake amity ieke ty hazava,
vaho ty ieke hanahake ty amity mangaratignana.11Le hitarike anao zisikagne Yaveh kea hamoky anao amity
faretane tsy misy rano agne, vaho hagnamafe ty taolagnao re. Hanahake ty baibo ndrano riha, vaho manahake ty
lohandrano, ze tsy mijano zisikagne ty ranone.12Ty ilane aminareo le hagnore ndraike ty rava taloha; hananga
rava reo ty zafeafe maro nareo; ho kaihe nareo tihoe "mpagnamboatse ty lakoro," "Mpagnere ty lala
hitoboha."13Laha atao tihoe mamio ty tombonao hiala amity fanova le amity andro Sabata riha, vaho hiala amity
fanova ty zaka teanao avao amity androko masy. Laha atao tihoe mikaike ty Sabata ho hato, vaho mikaike ty
raraha Yaveh ho masy naho manan kasy riha. Laha atao tihoe magnaja ty Sabata amity fahafoeza ty rarahanao
avao riha, vaho amity tsy fitea ty zaka teanao avao vaho amity tsy fivolagna ty tsaranao avao.14Le hahisake mamy
amy Yaveh ao riha; vaho hampitikireko ty haabo ty tane riha; hamoky anao bakamity lova Jakoba raenao raho-fa
ty fitava gn'Yaveh ro mitsara."

Chapter 59Toko faha 59

[1]Ingo, ty tagna Yaveh tsy bory mihintsy ka tsy hahavonje, vaho ty sofine tsy ngingy, la tsy haharey. [2]Ty asa
ratignareo, kanefa, ro nanarake anareo tamity Zagnaharenareo, vaho ty hadisoagnareo ro nahavy aze haminy ty
tarehene aminareo ka tsy hinjajy anareo.[3]Fa lotoe ty lio ty tagnanareo vaho ty rambon tagnanareo lotoe ty
hadisoa. Mivola mbade ty vavanao vaho ty lelanareo mivola aman kafetsea. [4]Tsy misy mikaike ty mare, vaho tsy
misy mifona amity fahitia. Mitoky amity tsara mbade iereo, vaho mivola mbade; vande ro bekobekoene vaho
hadisoa ro aterane.[5]Mikotreke atolim bibilava feno poizy iereo vaho maneno tragno kala. Ze iaby mihina ty
atoline le mate, vaho laha misy atoly voahitsake, le foy ho bibilava feno poizy zay. [6]Tsy hae ampisae hatao siky ty
tragno kalane, ndra afake manakoke ty vatane ty asane. Asa ty hadisoa ty asane, vaho asa ty hereloha antagnane
eo.[7]Milay ho amity raty agne ty tombone, vaho milay hampipon dio tsy manan tsiny iereo. Handineke hadisoa ty
dinene; hereloha naho handrobaha ro lalane. [8]Ty lala ty fiadagna tsy hae gniereo, vaho tsy misy rarene amity
lalane eo. Nagnamboatse lala meloke iereo; ze iaby mandeha amy ze lala zay le tsy mahisake fiadagna.[9]Naho izay
le lavitse anay ty rarene, vaho tsy mahatratse anay ty fahitia. Miambe hazava zahay, nefa mahisake ieke; mila
famirapirata zahay, kanefa mandeha amity ieke. [10]Mitsapatsapa rindry manahake ty goa zahay, manahake reo ze
tsy mahisake. Voafinga amity antoandro Nagnahare zahay manahake ty hoe amity takariva; amy reo mafe le
manahake ty ndaty mate zahay.[11]Mitrero manahake ty bera zahay vaho minderendere manahake ty
voromahilala; miambe rarene zahay, feie tsy misy; miambe fagnavota, feie lavitse anay zay.[12]Fa agnoloanao eo ty
helognay, vaho ty hadisoanay ro magnasara anay; fa ty helonay le miarake aminay, vaho haenay ty hadisoanay.
[13]Nivory zahay, nandietse ani Yaveh vaho niala tamity fagnoriha ty Zagnaharenay. Nivola fampijalea zahay vaho
nivio lala, namoro Toreo baka ampognay ao naho volam bade.[14]Nafahe ty rarene, vaho mitsanga lavitse le vatane
lavitse ty fahitia; fa mitonta agnivon tane egne ty fahitia, vaho tsy ho avy ty mare. [15]Fa lako lavitse ty sahazan
pitokia, vaho iaze raike ze miala amity raty ro mahavy ty vatane ho tra doza. Hisa gn'Yaveh zay vaho tsy fale re fa
tsy misy ty rarene.[16]Nahisake re fa tsy misy ndaty, vaho vere fa tsy mba militse ao. Naho izay le ty vatane avao ro
ninday famonjea ho aze, vaho ty fahitia ro nanoha aze.[17]Misiky fahitia ho saron tratra re vaho sarondoha
famonjea amity lohane eo. Nisiky siky valefate re vaho nanao ty zotom po ho aron akanjo. [18]Vinalene naho ze
vitane iereo, le fitsara feno siake amity rafene, famalea ho ahy ty rafene, vaho fagnafaiza ho valen pitea reo.[19]Kea
le hatahotse ty agnara Yaveh baka ahandrefa iereo, vaho ty hasine bakamity fiboaha ty masoandro; fa ho avy
manahake ty riake mamaoke re, ze indese ty fofognay Yaveh. [20]"Misy mpagnavotse avy a Ziona ao vaho amy reo
ze miala amity asane feno vorivory amy Jakoba-izay ro fitalilia Yaveh.[21]Laha ty amiko, le izao ro fagnekeako amy
gniereo-hoe Yaveh-ty fagnahiko ze amy gniereo ao, vaho ty tsarako ze natoboke tambavanao eo, le tsy hiala amity
vavanao, na hiala amity vava anagnao reo, na hiala amity vava zafenao reo-hoe Yaveh-manomboke izao ka ho
zisikagne."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 60Toko faha 60

[1]Mitsangana, mhazava, fa avy ty hazava nao, vaho fa nisondrotse taminao ty hasy Yaveh.[2]Fa handrakoke ty tane
ty ieke, vaho firene reo ty iempito; nefa hisondrotse aminao Yaveh eo, ka ho hisagnao ty hasine. [3]Ho avy amity
hazava eo firene reo, vaho amity tara pahazava misondrotse mpanjaka reo.[4]Magnetea egne ka tangirifo. Miharo
fionga iereo iaby ka avy aminao eo. Ho avy bake lavitse agne anagnao lahy reo, vaho hindese antsandrine eo
anak'ampela nao reo. [5]Le hagnete riha ka ho somimosimo, vaho tokone hifale naho ho feno ty fonao, satria
hararake aminao ty hamaro ty riake, ho avy aminao ty hanagna firene reo.[6]Handrakoke anao amity rameva reo,
le reo rameva anane reo a Midiana naho Efaha agne; iaby reo le ho avy a Sheba iaby; hinday volamena naho
linten ketae magnitse reo, vaho hiantsa fidera ahy Yaveh. [7]Agnodry aman'ose reo Kedera iaby le havory aminao
eo, agnodry lahy Nebaiota reo le ho mete amy ze ilaenao; ho raketse eke amy ze ilaenao; ho raketse ekey amity
alitarako eo reo; vaho hameako hasy ty tragnoko bey hasy.[8]Ia moa mitily manahake ty raho, naho manahake ty
voromahilala amity fiolafane regne? [9]Mila ahy ty tane atsisin driake, vaho mitarike ty sambo gny Tarsisy, hinday
anagnao lahy reo baka lavitse, ty volafotine naho volamenane reo miarake amy gniereo, ho ahy ty agnara Yaveh
Zagnaharenao, naho ho ahy Iaze Masy Israely, satria fa nagnomey hasy anao re.[10]Ty anake lahy hafa reo firene
hananga ndraike lakoronao reo; vaho hanompo anao mpanjakane reo; fa ndra le tamity siako aza ro namaizako
anao, le tamity fagnekeako kea ro hiferegnaso anao. [11]Hisokake zisikagne avao kea vavahadine reo; tsy hahily na
andro na hale reo, hindaisa ty hanagna firene reo, miarake mpanjakane taritene reo.[12]Firene reo naho fanjaka ze
tsy hanompo anao le rava vatane; ho rava vatane ze firene zay. [13]Ho avy aminao ty hasy Libanona, ty hetae
Kypreso, ty kesika, vaho ty bokso miarake, le hagnaraty ty fitobohako masy; vaho hagnomey hasy ty fitoboha
tomboke raho.[14]Ho avy aminao eo mba hiondreke iereo, le ty anake lahy reo ze nagnetre anao; hiondreke an
tombonao iereo; hikaike anao tihoe Iaze tana Yaveh iereo, le I Ziona Iaze Masy Israely.[15]Ho soloenao nenga, ka tsy
misy mandrio anao, le hanoeko zaka firengerengea zisikagne riha, hafalea zisikamity zafe afe mifandimbe. [16]Hino
ty ronono gny firene reo avao kea riha, vaho hinono amity tratra gny mpanjaka reo; le ho haenao fa Iraho, ro
Yaveh, Mpamonje anao naho Mpagnavotse anao, Iaze Masy Jakobay.[17]Ho solo ty varahy le hinday volamena raho,
ho solo ty vy le hinday volafotsy raho, ho solo ty hetae, le varahy; vaho ho solo ty vato, le vy. Hitingy fiadagna ho
governoragnao raho, vaho rarene ro mpandilinao. [18]Tsy ho re amity tanenao ao sasy ty hereloha, ndra fandrava
na hapotepoteha amy faretanenao ao; fa ho kaihe tihoe Famonjea lakoronao reo, vaho Firengea vavahadinao reo.
[19]Tsy ho hazavanao ty andro sasy ty masoandro, na maheretse aminao ty hazava ty vola; fa Yaveh ro ho
hazavanao maharetse zisikagne, vaho ty Zagnaharenao ro hasiko. [20]Tsy hilenteke sasy ty masoandro, na hiala ka
hanjavo ty volagnao; fa Yaveh ro ho hazavanao maharetse zisikagne, ka hijano andro fandala reo.[21]Ho mare iaby
ty vahoanao iaby; hangalake ty tane amity andro iaby iereo, le ty rave ty voliko, ty asa ty tagnako, homea hasy
raho. [22]Ho avy agnarivone ty kele, vaho firene mafe ty vitike; Iraho, Yaveh, le hanao reo malaky lahafa avy ty
fotoane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 61

[1]Ato amiko ty Fagnahy ty Tompo Yaveh, satria nagnosotre ahy hitory vaovao mahafale amize sahira Yaveh.
Nagnirake ahy mba hagnafake ty marare ampo Re, mba hagnombara fahafaha amireo babo, naho fivoha ty fonja
ho ahy reo ze voafehe.[2]Nagnirake ahy mba htalily ty tao fitea Yaveh, ty andro ty valefate ty Zagnaharentika, vaho
mba hampiono iaby ze mandala Re.[3]Nagnirake ahy Re__mba hagnomea ho ahy reo ze mandala ao Ziona__mba
hagnomea satroke ho ahy iereo fa tsy lavenoke, diloilom-pafahalea fa tsy fandala, lamba fiantsa ho solo ty
hareraha ty fagnahy, mba hikaiha iereo ty hoe hetae ty hamarea, ty nambole Yaveh, mba homean-kasy re.
[4]Hananga reo rava taloha ndraike iereo; hagnampoly reo fandrava taloha ndraike iereo. Hagnampoly reo tana
rava ndraike iereo, reo fandrava tamity foko maro taloha. [5]Hitsanga naho hamaha reo angnondry aman'ose
nareo reo vahiny, naho reo anadahy ty vahiny hiasa ty baibonareo vaho ty tanem-boalobonareo.[6]Ho kaihe ty hoe
mpisoro Yaveh nareo; hikaike anareo hoe mpanompo ty Zagnaharentika iereo. Hihina ty harea reo firene nareo,
naho hirehareha amity harea iereo. [7]Hahazo agnabo roe ambone nareo solo ty hegnanareo; naho hifale amity
fizara iereo nareo solo ty fahafaham-baraka. Laha zao iereo le hahazo zara agnabo roe ambone amity tane iereo;
hafalea zisikagne ro hoahy iereo.[8]Fa Zaho, Yaveh, le tea ty rarene, naho hejeko ty fandrava vaho ty seresere tsy
rarene. Hamale iereo am-pahamarea raho, naho hanao fagnenkea zisikezay amiereo. [9]Ho hay eo amireo firene ty
foko iereo, naho eo amireo vahoake ty ana iereo. Iaby ze mahisahe iereo le hagnenke iereo, fa iereo ro vahoake
ze nitahie Yaveh.[10]Hifale vatane amy Yaveh raho; ho fale ao amity Zagnahareko raho. Fa Re ro naniky ahy
tamireof siky ty famonjea; naniky ahy tamity siky lava ty hamarea Re, hoe ty mpampiakatre mameno ty vatane
amity satroke, naho hoe ty ampiakare mameno ty vatane amireo ravane. [11]Fa manahake ty tane mampitsimoke ty
zaka-mitiry amine ao, ro hampagnirie Yaveh hamarea vaho antsa eo agnoloa ty firene iaby.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 62

1 Noho ty amy Ziona le tsy hitsy raho, naho noho ty amy Jerosalema le tsy hihili-vava raho, mandram-piakara ty
hamarea mamirapiratre, naho ty famonjeane hoe ty fanilo mirehetre. 2 Hahisake ty hamareanao reo firene, naho
ty mpanjaka iaby ty hasinao. Ho kaihe amity agnara vaovao riha ze ho filie Yaveh. 3 Ho satron-kasy ty hasoa eo
antagna Yaveh avao kea riha, naho satro ty fanjaka eo antagna ty Zagnaharenao. 4 Tsy ho rehafe ty aminao sase ty
hoe:" Nafoe"; na ho rehafe amity tanenao sase ty hoe:" Maike." Fa kea, hatao ty hoe:" Ty teako," naho ty tanenao
hoe:" Manambaly," satria tea Yaveh riha, naho hanambaly ty tanenao. 5 Manahake ty ajalahy manambaly ajampela
vatane, ro hanambalia reo ananao anao, naho hoe ty mpampiakatre mifale amity ampiakare, ro hifalea ty
Zagnaharenareo aminareo. 6 Nametrahako mpiambe teo amireo mandanao, ry Jerosalema; tsy mangike iereo
andro aman'ale. Nareo ze mampahatiaro Yaveh, ko mijano. 7 Ko enga hitofa Re mandram-pametrahane
Jerosalema ndraike vaho mandram-panoane zay ho fiantsa eto antane. 8 Nifanta tamity tagnane ankavana vaho
tamity sandry ty herene Yaveh ty hoe:" Azo antoke fa tsy hagnomea ty varenareo ho sakafo hoahy reo
fahavalonareo sase raho. Reo vahiny le tsy hino ty divay vaovaonareo, ze niasanareo. 9 Fa reo mihaza ty vare le
hihina zay vaho hiantsa Yaveh, naho reo ze mihaza ty voaloboke le hino ty divay ao amity fitsara ty toerako
masy." 10 Miakara, miakara amity vavahady! Vognono ty lala hoahy ndaty! Amboaro zay, amboaro ty lalam-bey!
Avorio reo vato! Manangana say famantara ho ahy reo firene! 11 Ingo, mitalily amity fara ty tane Yaveh ty hoe:"
Ambarao amity anakampela Ziona ty hoe: Ingo, avy ty mpagnavotre anareo! Henteo, miarake amine ty
soavalene, naho mindeha eo agnoloane ty valen-karokafane." 12 Hikaike anareo iereo ty hoe:" Ty vahoake masy; ty
navota Yaveh," naho riha le hatao ty hoe:" Pinay; tana tsy nafoe."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 63

1 Ia toy ze bakagne Edoma toy, nisiky akanjo menamena bakagne Bozra? Ia vao re ze nisiky akanjon-droandria,
mindeha am-pitokisa noho ty habey ty herene? Zaho zay, ze mitalily hamarea vaho mahavonje vatane. 2 Nagnino
ro mena ty sikinao, naho nagnino iereo ro manahake ze le fa nandialia ty voaloboke eo amity fandisana?
3 Nagnosehose arere ty voaloboke teo amity fandisana raho, naho tsy nisy na le firene raike aza namonje ahy.
Hinosehoseko tamity heloko vaho linialiako tamity havignirako iereo. Ty lio iereo le nipitsike tamity sikiko naho
naloto reo sikiko iaby. 4 Fa tsy ligneko ty andro ty famaleako, naho ty tao ty fagnavotako le fa avy. 5 Nagnente raho,
naho tsy nisy na ia ia nagnampe. Hisake Raho fa tsy nisy nagnampe, fa ty sandriko ro ninday faharesea hoahy,
naho ty heloko bay ro nanoha Ahy. 6 Linialiako tamity heloko reo ndaty naho nahamamo iereo tamity heloko
raho, naho nailiko teo amity tane ty lio iereo. 7 Hitalily ty asa ty fagnenkea matoky Yaveh raho, reo asa soa-antsae
natao Yaveh. Hitalily iaby ze natao Yaveh ho antika raho, naho ty habey ty fanoan-tsoane tamity foko Israely. Le
fa natorone antika ty fiferenaine noho ty fandeferane, naho tamity asa maro ty fagnenkea matoky. 8 Fa hoe re:" Fa
ndatiko vatane reo, anake ze tsy mba tsy mena-mivalike." Lasa Mpamonje iereo Re. 9 Tamity fijalea iereo iaby, le
nijale kea re, naho namonje iereo ty anjele bakamity fiatrehane. Amity fiteane vaho ty fandeferane ro
namonjeane iereo, naho nagnakatre vaho ninday iereo tamity andro taloha iaby Re. 10 Fa navande vaho sosotre
tamity Fagnahy Masine iereo. Ka lasa fahavalo iereo Re naho nialy handietre iereo. 11 Ty ndatine le nidineke reo
andro Mosesy taloha. Hoe iereo:' Aia ty Zagnahare, ze ninday iereo niakatre tao amity riake miarake amity
mpiarake agnondry aman'osene? Aia ty Zagnahare, ze nanao ty Fagnahy Masy teo amiereo? 12 Aia ty Zagnahare, ty
nanao ty herene bey hasine nindeha tamity tagna ankavana Mosesy, naho nanarake ty rano teo agnoloa iereo,
mba hanova agnara zisikagne ho aze? 13 Aia ty Zagnahare, ty ninday iereo tamity rano laleke? Manahake ty
soavale milay egne amity tane mahity, tsy tafintohy iereo. 14 Hoe ty biby ze mizotro ambaibo, ty Fagnahy Yaveh
nagnomea fitofa iereo. Ka ninday ty vahoakenao riha, mba hanova agnara fiantsa ho anao. 15 Magnentea ambane
bakegne amity lagnitre naho miambena bakegne amity tananao masy vaho bey hasy. Aia ty zotom-ponao vaho ty
asanao mahere? Reo asa fandefera vaho ty fiferegnainao le nitana taminay. 16 Satria raenay riha, fa Abrahama tsy
mahay anay, naho Israely tsy mahay anay, riha, ry Yaveh, ro raenay.' Mpagnavotre anay' ro le fa agnaranao hatra
ty taloha. 17 Ry Yaveh, nagnino ro enganao hirererere hiala amity lalanao zahay naho magnamafe ty arofonay, mba
tsy hiteavanay anao? Miheregna noho ty amireo mpanomponao', ty foko ty lovanao. 18 Andro tsy ampe ro nanagna
ty vahoakenao ty toera nao masy, le linialia ty fahavalonay zay. 19 Lasa nitovy amireo ze tsy mboe finehenao zahay,
manahake reo ze tsy mba kinaike tamity agnaranao."

## Chapter 64

[1]"Hehe, laha manarake ty lagnitre Riha ka mizotro! Le hihozongonzo eo agnoloanao ty vohitse, [2]manahake ty afo
laha fa mirehetre amity borosy hetae, na ty afo mampandeve reno. Hehe, fa ho hay reo fahavalonao ty
Agnaranao, fa hihovitre eo agnoloanao ty firene![3]Taloha, laha nanao zaka-mahagaga ze tsy linignenay Riha, le
nizotro riha, naho nihovitre teo amity fiatrehanao ty vohitse. [4]Zisikamity taloha le tsy nisy naharey na nahay, na
nahisake maso Zagnahare laha tsy Riha, ze manao zaka ho ahy ze miambe Aze.[5]Avy magnampe reo ze mifale
amity fanoa ty mare Riha, reo ze mahatiaro reo lalanao vaho magnenke rey. Meloke Riha laha nanonta zahay.
Avotre tamity lalanao avao zahay.[6]Fa lasa manahake reo mololo iaby zahay, naho reo asam-pahamareanay iaby le
manhake ty raven-dambam-palim-bola. Malazo manahake ty rave nakata iaby zahay; reo helonay le manahake ty
tioke, mindaisa anay lavitre. [7]Tsy misy mikaike amity angnaranao, na miezake mba hiarake aminao. Fa nagnaja
ty tarehenao taminay Riha naho mandamake anay eo amity tagna reo helonay.[8]Nefa, ry Yaveh, Riha ro Raenay;
zahay ro tanemanga. Riha ro mpametsevetse anay; naho zahay iaby ro asa ty tagnanao. [9]Ko meloke loatre, ry
Yaveh, na kea mahatiaro reo hadisoanay handietre anay. Mba mangatake rie henteo zahay iaby, ndatinao.[10]Lasa
tane maike reo tana nao masy; lasa tane maike ty Ziona, maike ty Jerosalema. [11]Ty tempolinay masy vaho soa, ze
niantsa ty razanay Anao, le rava ty afo, naho iaby reo ze maminay le niala. [12]Ino ro mboe hagnenteanao avao, ry
Yaveh? Magnino Riha ro mitam-bava naho mboe magnafa-baraka anay zisikagne?"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 65

[1]"Le fa vogno ty ho rey reo ze tsy nagnontane Raho; vogno ty ho hisa reo ze tsy nipay. Hoe raho ty hoe:' Intoy
Raho! Intoy Raho!' ho amity firene ze tsy nikaike ty agnarako. [2]Le fa namelatre ty tagnako isan'andro ho tamity
vahoake mafe hatoke raho, Ze mindeha amity lala ze tsy soa, ze le fa nindeha arake ty saim-pantane vaho ty
dinene![3]Iereo le vahoake ze tsy mijano manafintohy ahy, manao soro ao amireo zaridaina, naho magnoro liten-
ketae magnitre eo ambone tanemanga. [4]Miambe eo amity kibory iereo naho eo zisike ty hale, naho mihina
henan-koso miarake amity ro ty hena ratiraty eo ampinga iereo.[5]Hoe iereo ty hoe:' Mihataha, ko miharine ahy, fa
zaho le masy kea tane riha.' Reo zaka reo le teo am-bavoroko, afo magnoro zisike ty andro iaby.[6]Ingo, voasoratre
eo agnoloako hoe: Tsy hitsy Raho, fa hampandoa iereo; hamale iereo eo ampitrotroane," hoe Yaveh." Hamale
iereo noho ty fagnoroa liten-ketae magnitre tao amireo vohitse vaho noho ty fagnafaha Ahy tao amireo tazoa
Raho. Laha zao le hagnametatre reo asa vita iereo eo ampitrotroane raho."[8]Zao ro safa Yaveh:" Manahake ty
ranom-boanketae hisake ao antahom-boaloboke, ka mirehake ty raike hoe:' Ko simbae eo, satria misy soa ao
amine,' zay ro hataoko noho ty amity mpanompoko: Tsy handrava aze iaby Raho.[9]Hinday foko bakamy Jakoba,
vaho bakamy Joda ze hana reo vohiko raho. Reo ze voafiliko le hana ty tane, naho ty mpanompoko le hitoboke ao.
[10]Tako le lasa fiaraha agnondry aman'ose, naho ty baibo Akora ho toera fampandrean'agnombe, ho ahy reo ze
mipay Ahy[11]Fa nareo ze mienga Yaveh, ze magnaligno ty vohiko masy, ze magnoma latabatre ho ahy ty zagnahare
Gada, naho mameno divay voaharo ty finoma ho ahy ty Zagnahare Meny.[12]Handahatre anao ho ahy ty meso Raho,
naho nareo le hihohoke amity fate iaby, satria tamy nikaike raho, le tsy namale nareo; tamy nirehake Raho, le tsy
nidranjy nareo. Fa nanao ze raty teo agnoloako vaho nifily ty hanao ze tsy mahafale ahy nareo."[13]Zao ro safa
Tompo Yaveh:"Ingo, hihina ty mpanompoko, fa nareo kea ho kere; ingo, hino ty mpanompoko, fa nareo kea
haran-drano; ingo, hifalefale ty mpanompoko, fa nareo kea ho megnare. [14]Ingo hikorake hafalea ty mpanompoko
noho ty hafaleam-po, fa nareo kea hitagny noho ty farare ty arofo, naho hitoreo noho ty hatorotoro ty fagnahy.
[15]Hanao ty agnaranareo ho ozo ho ahy reo voafiliko mba hirehake nareo; Zaho, Ty tompo Yaveh, ro hamono
anareo; Ho kaiheko amity agnara hafa reo mpanompoko. [16]Na ia ia magnombara fitahia ao amity tane le ho
voatahiko, ty Zagnahare ty hamarea. Na ia ia mifanta amity tane le mifanta amity alalako, ty Zagnahare ty
hamarea, satria ho halignoe reo loza taloha, fa hihaja tsy ho hisa ty masoko reo.[17]Fa ingo, hamoro lavitre vaovao
vaho tane vaovao raho; naho reo zaka taloha le tsy tiarove na hampitiarove. [18]Fa ho fale nareo naho hifale
zisikagne ao amize vaho ho forogneko. Ingo, hamoro Jerosalema ho hafalea, naho ty vahoakene ho fisaora raho.
[19]Hifalefale magnera Jerosalema, vaho ho fale eo amireo vahoakeko Raho; ty tagny vaho ty taray ty fijalea le tsy
ho rey ao amine sase.[20]Tsy hisy kolo malineke hivelo andro kele sase ao; na bey mate aloha ty androne. Ze mate
amity faha-zato tao le hahere ho ndaty mate kele. Ze tsy mahatratre ty faha arivo tao le hahere ho voaozo.
[21]Hagnore tragno iereo ka hitoboke ao amizay, naho hambole voaloboke ka hihina ty voane.[22]Tsy hagnore tragno
sase iereo ka ty hafa ro hitoboke ao amizay; tsy hambole iereo ka ty hafa ro hihina; fa ty andro ty hetae mitiry ro
ho andro ty vahoakeko. Ty voafiliko le hahazo feno ty asa ty tagnane. [23]Tsy hiasa maike iereo, na hiterake mba
hampatahotre. Satria iereo vaho reo fokone le ana reo ze voatahy Yaveh.[24]Aloha ty hikaiha iereo, le hamale raho;
naho laha mboe eo ampirehafa iereo, le hidranjy raho. [25]Ty amboanala vaho ty anak'agnondry le hiarake-hipay,
naho ty liona hihina mololo manahake ty agnombe; fa deboke ro ho sakafo ty mere. Tsy hamere na hamoteke
egne amity vohitse sase iereo" hoe Yaveh.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 66

[1]Zao ro safa Yaveh ty hoe:" Ty lagnitre ro sezan-droandriako, naho ty tane ro toeran-tomboko, aia are ty tragno ze
haore ho Ahy? Aia ty toera ze hahafahako mitofa?[2]Ty tagnako ro nanao reo zaka iaby reo; zay ro nahavy rey zaka
reigne hisy-zay ro talily Yaveh. Zao ro ndaty ze ekeko, ze torotoro vaho manegne am-pagnahy, naho ze mihovitre
amity rehako.[3]Zay mamono agnombe le mamono ndaty avao kea; ze manao soro ty anak'agnondry le mandily ty
vozon'amboa; ze manolotre fagnatetre hohane le manolotre lion-koso; ze manolotre liten-ketae magnitre ho
fahatiarova le misaotre ty haratia. Nifily reo lalane iereo, naho nangalake fihisa tamireo haratiane.[4]Manahake
zay kea ro hifiliako ty fagnaliloa iereo avao; hoenteko eo amiereo ze atahorane, satria laha fa nikaike raho, le tsy
nisy namale; laha fa nirehake raho, le tsy nisy na raike aza ka nidranjy. Nanao ze raty teo amasoko iereo, naho
nifily ty hanao ze zaka nahameloke Ahy."[5]Midranjigna ty safa Yaveh, riha ze mititike amity rehane ty hoe:" Reo
rahalahinao ze malay vaho manitake anao noho ty agnarako nirehake ty hoe:' Ao hamean-kasy Yaveh, le
hahisake ty hafalea Re,' fa ho megnatre iereo.[6]Ty feon'aly mitabataba le bakagne amity tana, feo bakao amity
tempoly, ty feo Yaveh mamale reo fahavalone.[7]Tamy mboe mihetse-kolo re, le terake; aloha ty fararea ho eo
amine, le niterake ajalahy re. [8]Ia ro nanoro zaka hoe zay? Ia ro le fa nahisake zaka hoe zay? Feie vao ho terake
agnate andro raike ty tane? Afake hiore agnate ty andro raike ty firene? Tamy mboe tsy nihetse-kolo ty Ziona, le
fa niterake reo anane.[9]Feie vao minday kolo amity havognona ty fiteraha raho ka tsy mamototre ty kolo ho
terake?_nagnontane Yaveh. Na ninday kolo amity andro ty fiteraha ka hagnere zay?_magnontane ty
Zagnaharenao."[10]Mifalea miarake amy Jerosalema naho mifalea ho aze, nareo iaby ze tea aze; mifalea miarake
amine, nareo iaby ze malahelo aze! [11]Fa hiteza riha naho ho entsake; hampionogne eo amireo nonone riha; fa
hino zay amity hafeno vaho soasoa ty hasine bey riha.[12]Zao ro safa Yaveh:" Hindeha hizara fagnambina magnera
aze manahake ty renerano raho, naho ty harea ty firene hanahake ty loharano mitondrake. Hinono amity ilane
riha, ho eo antsandrine, naho hahindrahindra eo amireo ongone. [13]Manahake ty agnamafea ty rene ty anane,
noho agnamafeako anao, naho ho hamafe riha ao Jerosalema."[14]Hahisake zay riha, le hifale ty arofonao, naho ty
taolanao hitsimoke manahake ty aka-maintso. Hampahaie Yaveh reo mpanompone ty tagnane. Fa hanoro ty
helone handietre reo fahavalone Re.[15]Fa ingo, avy miarake amity afo, naho avy manahake ty tafion-tioke reo
kalesene mba hinday ty hafana ty helone vaho ty firehafane mafe miarake amireo lelan'afo. [16]Fa hanao ty fitsara
amity ndaty amity alala ty afo vaho ty mesone Re. Ho maro reo ze ho vonoe Yaveh.[17]Magnamasy ty vatane vaho
magnalio ty vatane iereo, ka afake militre ao ambaibo, magnorike ty raike ze eo agnivo mihina nofon-koso vaho
reo zaka-ratiraty manahake ty valavo." Ho avy amity fiafara iereo_zay ro talily Yaveh."[18]Fa haetso reo asane vaho
ty hevene. Ho avy ty andro laha fa hamory reo firene vaho reo rehake iaby Raho. Ho avy iereo naho hahisake ty
hasiko. [19]Hametrake famantara mahere eo amiereo Raho. Bakeo le handefa reo sisa tsy mate bakamiereo agne
amireo firene Raho: Agne Tarsisy, Pola, naho Lydia, mpandefa folese ze magnenja reo folese, Amy Tobala, Javana,
naho reo amoron-tsirake lavitre ze tsy nahareiza iereo Ahy na nahisahane ty hasiko. Hagnombara ty hasiko
magnera ty firene iereo.[20]Hagnere rahalahenao iaby niboake reo firene iaby reo iereo, manahake ty raketse ho
ahy Yaveh. Ho avy amity sovaly, naho agnate kalese reo, agnate fibata reo, ambone ampondra reo, vaho ambone
rameva reo, ho a Jerosalema ambohiko masy agne hoe ty Yaveh. Fa ty vahoake Israely le hinday raketse vare
agnate finga malio ho antragno Yaveh ao. [21]Ndra ty ilane amy iereo aza le hofilieko ho mpisoro naho Levita-hoe
Yaveh.[22]Fa hanahake lagnitse vao reo naho tanen bao ze hanoeko le hitoboke agnoloako eo-izao ro fitalilia
gn'Yaveh ka hitoboke fokognao reo, vaho hitoboke ty agnaranao. [23]Fa amity vola raike ka zisikamity magnarake,
vaho ty Sabata raike ka zisikamity magnarake, ho avy hiondreke amiko ndaty iaby reo-hoe ty Yaveh.[24]Hiboake
iereo vaho hahisake fate gnodaty reo ze nivory handietse ahy, fa ty soko mihina iereo le tsy ho mate, vaho ty afo
handrava iereo le tsy ho mate; vaho hampangory ho ahy ty nofo iaby zay."

# Jeremiah

Chapter 1

[1]Intoa ty tsara ndre Jeremia anagn'Hilkia, raike may mpisoro tan-Anatotao reo tamity tane Benjamina. [2]Niavy
tamine ty tsara gn'Yaveh tamity andro i Josia ana gn'Amona, mpanjaka i Joda, tamity fahatelo ambine folo tao
nanjakane. [3]Niavy avao kea zay tamity andro ndre Joiakima ana Josia, mpanjaka i Joda, zisike ty vola fahadime
tamity tao faharaikambine folo nanjaka ndre Zedekia ana Josia, mpanjaka i Joda, lahafa nale ho gadra ty vahoa
Jerosalema.[4]Niavy tamiko ty tsara gn'Yaveh, manao tihoe: [5]"Taloha ty naha antsoko ao anao, le fa nitingy anao
raho; taloha ty niboahanao tan-tsoko ao le fa nanoeko riha; fa fa nanao anao ho mpitoky amy firene reo riha."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

6"Nao gea, Yaveh Tompo!" Hoe raho tihoe: "Tsy mahay mivola raho, fa mboe kele loatse."7Fa Yaveh nitsara tamiko
tihoe: "Ko manao tihoe 'kele loatse raho'. Fa tsy maintsy mandeha riha ndre aia ndre aia hagnirahako anao, vaho
tsy maintsy mivola ze iaby handiliako anao riha! 8Ko matahotse iereo, fa miarake anao mba hamonje anao raho-
izay ro fitalilia gn'Yaveh."9Kea le nananga ty fitane ty Yaveh, nikasike ty vavako, vaho nivola tamiko tihoe:
"Amizao, fa nameako am-bava gnareo eo ty tsarako. 10Androany raho le hitingy anao amy reo firene eo naho
handrobake, mba handany naho handrava, mba hagnore vaho hambole.11Niavy tamiko ty tsara gn'Yaveh, manao
tihoe: "Ino ty hisagnao, Jeremia?" Hoe raho tihoe: "Mahisake raven-kentae amygdala raho." 12Hoe ty Yaveh tamiko:
"Fa nahisake soa riha, fa miambe ty tsarako raho mba hagnatanterake izay."13Niavy tamiko fagnidroene ty tsara
gn'Yaveh, manao tihoe: "Ino ty hisagnao?" Vaho hoe raho: "Velagne may ro hisako, ze mandeve ty lombone,
mitokila miagnavaratse." 14Hoe ty Yaveh tamiko tihoe: "Hivoha bak'avaratsegne amy ze iaby mitoboke amo taneo
ao ty loza.15Tsarae gn'Yaveh, fa hikaike ty foko iaby bak'avara ty fanjaka raho. Ho avy iereo, vaho iaby le
hampitoboke ty seza fiambenane amity vavahady filira a Jerosalema ao, handietse manda iaby ze magnodidy reo
zay, vaho handietse tana i Joda reo iaby. 16Iraho le hitogno lilim-pitsara handietse iereo naho ty haratia gniereo
iaby tamity fahafoeza ahy, amity fagnoroa linten-ketae magnitse ho ahy Zagnahare hafa reo, vaho amity
fanompoa reo ze namboare ty tagna gniereo avao.17Ao ho vonoe ty vatagnao! Mitsangana vaho volagno iereo ze
iaby nandiliako anao. Ko potepotehe agnoloa iereo, mandrare hamotepoteke anao agnoloa iereo raho! 18Ingo!
Androany raho le fa nanao tana voaaro mafe, naho amben-by, vaho lakoro varahy handiera ty tane iaby ho anao-
handietse ty mapajaka i Joda, manan-kasy reo, mpisorone reo, vaho ndaty reo amity tane. 19Hialy handietse anao
iereo, fa tsy hahresy anao, fa hiarake anao raho mba hamonje anao-izay ty fitalilia gn'Yaveh."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Niavy tamiko ty tsara gn'Yaveh, manao tihoe: [2]"Mandehana vaho mitalilia amy Jerosalema. Mivolagna tihoe:
"Ezao ro tsarae gn'Yaveh: Nahatiaro ty agnaranao raho tamity tsy fivaliaham-pitokia tamity hakolo nao, ty
fiteavako tamity andro nivaliantika, lahafa nagnorike ahy tagnefetse agne riha, le itane ze tsy nandrarahay.
[3]Israely le natoka ho ahy gn'Yaveh, loha vogne nivokane reo! Ze iaby zay ro fitalilia Yaveh."[4]Njajigno ty tsara
gn'Yaveh, nareo longo Jakoba navaho longo Israely iaby. [5]Ia ro vinola gn'yaveh: "Ino ty porobolemo ty razagnareo
amiko, ro nagnalavitse tamity fagnaraha ahy iereo? kea le nagnorike aoly tsy misy dikane naho le nanjare tsy
misy dikane iereo? [6]Iereo le tsy nivola tihoe: 'Aia ty Yaveh, ze ninday anay niboake bakao amity tane Egypta? Aia
ty Yaveh, ze nitarike anay tagnefetse agney, tamity tane ty i Arabaha navaho lavake, tamity tane maike ndre ia
ndre ia mandrio vaho tsy misy mitoboke?'[7]Fa ninday anareo tagne amity tane Kermela raho, mba hihina ty voane
naho reo zaka soa hafa! Fa lahafa avy aminareo, le namegnareo ty taneko, nanoenareo haratia ty lovako! [8]Ty
mpisoro le tsy nivola tihoe: 'Aia ty Yaveh? vaho manam-pahaia manoka amity lily reo le tsy midare ty mikasike
ahy! Mpiarake agnondry reo nandiso tamiko. Mpitoky reo nitoky ho ahy Bala vaho nagnorike zaka ty magasoa
reo.[9]Kea mboe hanara anareo zisikagne raho-izay ro fitalilia Yaveh-vaho hanara anan-droazagnareo reo raho. [10]Fa
mitsake atsisin-Kitima egne kea henteo. Mandefasa mpinday hafatse ho ahy Kedera kea ilao vaho henteo laha
mboe nisy zaka manahake ty taloha. [11]Nifanakalo Zagnahare vao ty firene, na le tsy Zagnahare aza iereo? Kanefa
ty ndatiko le nanakalo ty hasy gniereo tamity zaka ze tsy afake magnampe iereo.[12]Mangitikitike ty lagnitse naho
izay! Ao ho endrake naho hatahotse-izay ty fitalilia gn'Yaveh. [13]Fa fa nanao raty roe tamiko ty vahoake: Iereo le
nahafoe ty loharano ty ranovelo, nihaly famorian-drano ho ahy ty vata gniereo, vaho namaky famorian-drano ze
tsy mahantanjake rano.[14]Feie vao ndevo ty Israely? Niterake tamity tragno ty tompone ao vao re? Kea nanao
akore ro nizare mandrava? [15]Nitrero tamine ty liona anane. Nitabataba avao iereo ka nanao ty tanene ho raty.
Rava tanane reo kea tsy nisy ndaty. [16]Ty vahoa ta Memfisao naho Tapanesao avao kea le hagnaratse ty karakan-
dohanao. [17]Feie tsy nanao izay tamity vatagnareo vao riha lahafa nahafoe ani Yaveh Zagnaharenao, laha mboe
nitarike anao tamity lala re?[18]Kea amizao, nanao akore ro mandefa amity lala ho a Egyptagne vaho mino ty rano
Sihora? Nanao akore ro mandeha amity lala Asryia vaho mino ty rano Eofrata? [19]Magnambane anao ty
haratianao, magnafay anao ty fivalignao. Kea dineho zay vaho takaro fa lahafa mahafoe agn'Yaveh Zagnaharenao
riha le raty naho mafaetse zay, vaho ko matahotse ahy-izay ty fitalilia gn'Yaveh Tompo tompo ty maro.[20]Fa fa
nanampake ty joganao ze nanagnanao tamity andro taloha raho; fa namaha fehenao reo raho. Fa mboe mivola
zisikagne riha tihoe: 'Tsy hanompo raho!' satria mboe miondreke amity haboa abo iaby naho ambane hetae
mandoroboke egne iaby riha, nareo mpivaro-tegna. [21]Manahake ty voaloboke tiningy ro namboleako anao,
bakamity voa soa vatane. Tamity fomba manao akore ro nagnovanao ty vatagnao ho raty, ho voaloboke raty? [22]Fa
na malio ty vatagnao amity rano na manasa ty vatagnao amity savony mafe aza riha, le loto agnoloako eo ty
hadisoagnao-izay ro fitalilia gn'Yaveh Tompo.[23]Manao akore ty hahafagnao mivola tihoe: 'Tsy maloto raho! Tsy
nandeha nagnorike andre Bala raho'? Henteo ze nanoenao tamy baibo reo! Dineho ze vitagnao-Rameva vave
malaky fandeha milay etia naho eroa riha,
[25]Tsy maintsy fehezenao ty tombonao lahafa tsy manao kapa vaho ty tendagnao lahafa maeake! Fa nivola riha
tihoe: 'Tsy misy fagnatena zay! Oho, teako vahiny reo vaho mandeha magnorike iregne raho!'[26]Manahake ty
fahafaham-baraka ty mpangalatse lahafa hisake re, ro hahafabaraka ty longo Israely-iereo, ty mpanjaka gniereo,
roandriandahy reo, mpisorone reo vaho mpitokine reo! [27]Reo ro mivola amity hetae tihoe: 'Iriha ro roaeko,' vaho
amity vato tihoe:'Iriha ro niterake ahy.' Fa ty lambosy gniereo ro magnoloa ahy fa tsy ty tarehe gniereo. Na le izay
aza, le mivola iereo amity andro ty hasahiragna tihoe: 'Mitsangana vaho vonjeo zahay!' [28]Aia Zagnahre
nanoenareo ho ahy ty vatagnareo reo? Ao iereo hiare laha magniry ty hamonje anareo amity andro ty
hasahiragnareo, fa ty isa ty tanagnareo le mitovy amity isa ty hadisoagnareo, nareo Joda![29]Kea nanao akore nareo
ro manara ahy amity fanova ty tsy mete? Fa nandiso tamiko iaby nareo iaby-izay ro fitalilia Yaveh. [30]Zaka foa ty
nagnafaizako ty vahoanao. Tsy hagneke ty lily iereo. Ty mesobey le nandrapake mpitokignareo reo manahake ty
liona mandrava! [31]Inareo ze any ty foko toy! Ambeno soa ty tsarako, le ty tsara gn'Yaveh! Fa tagnefetse tamy
Israely agne vao raho? Na tane ty iem-pito laleke? nanao akore ty vahoako ro mivola tihoe: 'Ndao tika hiriorio, tsy
handeha aminao eo sasy zahay?[32]Hagnaligno ty rojone vao ty tsy mahasahy lahy, vaho ty ampakare ty voaline? Fa
andro tsy hisake hisaigna zay ro nagnalignova gnireo ahy! [33]Ataonao manao akore ty hasoa ty lalagnao tamity
ampela raty fagnahy aza riha. [34]Fa nahisake tegne amity sikinao ty lio ty ay gnize tsy manan-tsiny, ty ahy ty ndaty
tsy mana. Tsy hisake nanao asa fandrobaha ndaty reo.[35]Fa hoe kea riha tihoe: 'Tsy manan-tsiny raho, fa niala
tamiko vatane ty siane.' Kanefa ingo! Iraho le hitsara anao naho ty fivolagnao tihoe: 'Tsy nandiso raho.' [36]Nanao
akore ro hamaivagnenao ty fiova tamity fombagnao toy? Ho diso hevetse amy Egypta avao kea riha, manahake ty


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

tamy Asyria. [37]Ho kivy avao kea riha hiala bakao, miarake amity tana an-dohagnao, satria ty Yaveh fa nandietse
reo ze tinokinao, kea tsy ho ampea gniereo riha."

Chapter 3

[1]"Laha misy lahilahy raike misarake amity valine kea miala amine re vaho manjare valy gnodaty hafa, le mboe
hihere amine ndraike vao re? Tsy haloto vatane vao ze tane zay? Fa niay manahake ty mpivaro tegna ze mana
ragnetse maro riha; le mboe hihere amiko?-izay ro fitalilia gn'Yaveh. [2]Ampiakaro amy tsy terake reo agne ty
masognao vaho henteo! Misy toera mboe tsy niarahanao ampietaha vao? Tatsisin-dala eo riha ro mitoboke
niambe ragnenao reo, manahake ty Araba agnefetsagne. Fa linotognao tamity fivarotan-tegnanao naho ty
haratianao ty tane.[3]Ka tinohagnao ty loharano vaho tsy avy ty faragnora. Fa ty tarehegnao miavognavo,
manahake ty tarehem-ampela mandagy. Nilieregnao ty fahain-kegnatse. [4]Mba fa nikaike ahy vao riha zao tihoe:
"Nao roako! Ty ragneko marikitse bakamity hakeleako! [5]Le ho meloke amiko avao vao re? Le ho tanjahene
zisikamity farane vao ty siane?' Ingo! Izay ro fa vinolagnao, nefa anoenao ty raty iaby afake anoenao!"[6]Vaho hoe
ty Yaveh tamiko tamity andro ndre Josia mpanjaka: "Fa hisagnao vao ze fivaliha nanoe gn'Israely? Le nanganike
feno ty haboa abo iaby re tambane ala mikotroke, vaho tagne ro nanovane manahake ty fivarontan-tegna. [7]Hoe
raho: 'Afara ty anovagne ze zaka iaby zay, le hihere amiko re,' feie tsy hihere re. Bakeo ty anabave i Joda
mpamitake nahisake zaka reo.[8]Kea le hisako fa, tamity fomba mitovy ro fa namarotan tegna Israely mpamitake
vaho fa nandroake aze raho vaho fa nameako handietse aze ty vava ty fisarahambaly, ty anabave i Joda
mpamitake tsy mba natahotsae; niboake avao kea re vaho nanao manahake ty fivarotan tegna; [9]tsy nisy dikane
tamine ty fivarotan-batane; nitsitsy ty tane re; vaho nanao fandialiam-baly tamy vato naho hetae reo re. [10]Vaho
tafara gnizay iaby zay, ty anabave i Joda mpamitake le nihere tamine, tsy tamity fone iaby, fa taman-bade-izay ro
fitalilia Yaveh."[11]Le nivola tamiko ty Yaveh tihoe: "Mare vatane naho i Joda mpimitake ty Israely mpamitake!
[12]Mandehana vaho atalilio avaratse agne tsara reo. Volagno tihoe: "Miharegna, nareo Israely mpamitake!-izay ro
fitalilia gn'Yaveh-tsy ho meloke aminareo avao raho. Zisikamy ze maha mpatoky ahy-izay ro fitalilia gn'Yaveh-tsy
hijano zisikagne ty siako.[13]Ao riha hagneke ty hadisoagnao, satria fa nandiso tamy Yaveh Zagnaharenao riha; fa
nizara ty fombagnao tamy vahiny ambane hetae midoroboke iaby reo! Satria riha tsy nijajy ty feoko!-Izay ri
fitalilia Yaveh. [14]Miheregna, nareo vahoake manan-pinoa!-izao ro fitalilia Yaveh-iraho ro valignareo! Halaeko
nareo, ty raike bakamity tana vaho ty roe bakamity longo, vaho hindeseko amy Ziona agne nareo! [15]Hameako
mpiarake agnodry amity foko nareo, vaho hiambe anareo amity fahaia naho halalen-tsae iereo.[16]Vaho ezao ro
hiseho, hitombo riha vaho hinday voanketae amity tane agne amy ze andro zay-izay ro fitalilia gn'Yaveh-vaho le
hivola avao iereo tihoe: "Ty tobile ty fagnekea gn'Yaveh!" Ze zaka zay le ho bakam-po gniereo ao avao na ho
tsaroe; tsy ho banga zay, vaho ty raike hafa tsy ho vita.'[17]Amo andro o le hitalily mikasike any Jerosalema iereo
tihoe: 'Intoy ty seza fiankina gn'Yaveh, 'vaho firenen-kafa iaby reo le hivory a Jerosalema agne amity agnara
gn'Yaveh. Le hindeha amity hamafen-doha ty haratia ty fogne avao iereo. [18]Amy ze andro zay ty longo i Joda le
hindeha amity longo Israely ao. Le hirae fiavy amity tane avara gniereo ao mbamity tane ze nameako ty
razagnareo ho lova.[19]Fa amiko, hoe raho tihoe: "Henhe ty fagniriako hagnomey hasy anao manahake ty anako
lahy vaho hagnomey anao tane soa, lova soa vatane naho ze ahy ty firenen-kafa! Tsy maintsy hivola raho tihoe:
"Hikaike ahy riha tihoe: "Roaeko". Le nivola raho tihoeke tsy tokone nivalike tamity fagnaraha ahy nareo. [20]Feie
manahake ty ampela matoky ty valine, fa namitake ahy riha, nareo longo Israely-izay ro fitalilia gn'Yaveh."[21]Rey
tegne amy tane maleme reo egne ty feo, ty tagny naho ty fangataha ty vahoa Idraely! Fa nagnova fombane reo
iereo, fa haligno gniereo ty Yaveh Zagnahare gniereo. [22]"Miheregna, nareo vahoake tsy manan-pinoa! Hafaheko
amity fitake nareo."Ingo! Hoavy aminao agne zahay, fa iriha ro Yaveh Zagnaharenay![23]Ho avy amy haboa reo
egne vatane vande reo, ty feo mapivalike bakamy vohitse reo; Yaveh Zagnahare vatane ro famonjea gn'Israely.
[24]Fa fa nanimba ty asa ty razan-tika aoly mahamegnatse reo-agnondry aman'ose reo naho ty biby fihare gniereo,
anake lahy naho anak'ampela gniereo reo! [25]Engaho zahay handay ty hegnatse.Lonike Handrakoke anay ty
hegnatse, fa fa nandiso tamy Yaveh Zagnaharenay zahay! Izahay vatagnay naho ty razagnay, tamity andro ty
hatanoragnay ka zisikamy ze andro zao, le mboe tsy nahare ty feo gn'Yaveh Zagnaharenay!"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 4

[1]"Laha mihere riha, nareo Israely-ezao ro fitalilia gn'Yaveh-le amiko ro tokone hiheregnanao. Laha hafahenao tsy
ho hoagnoloanao ao reo zaka mampangory vaho tsy hiala amiko eo ndraike riha, [2]le ao riha ho feno fahitia,
hanhity, vaho ho mare lahafa mifanta tihoe: 'Laha mboe velo kea ty Yaveh.' Le ho sambatse amine ao firene reo,
vaho amine ao ro hagnomeza gniereo hasy." [3]Fa ezao ro tsarae gn'Yaveh amity ndaty kiraidraike ta Joda ao naho
Jerosalema: 'Ty tanenao avao ro asao, vaho ko magnamafe amity fatike egne.[4]Forao ho ahy Yaveh ty vatagnareo
vaho afaho ty holitse mandrakoke ty fognareo, nareo lahilahy i Joda naho ty ndaty Jerosalema, laha tsy izay le
hiboake manahake ty afo ty siako, kale hirehetse tsy misy hamono aze, naho ty haratia ty asagnareo. [5]Talilio a
Joda agne vaho ao zay ho re a Jerosalema ao. Volagno tihoeke: "Tiofo amity tane ty trompetsa." Volagno tihoe:
"Mivoria. Ndao tika hombamy tane voaaro reo mbeo." [6]Asondroto ty say fahaia vaho anovo mitondro ani Ziona
zay, vaho miboaha hila fiaro! Ko mijano, satria hinday loza baka avaratse agne raho vaho fandrobaha bevata.
[7]Misy liona hiboake bak'ankoron'alao vaho fa miala ty ndaty ze handrava ty firene. Miala ty pilasine re mba
hinday tahotse amity tanenao eo,hamalike tana reo ho rava, ze tsy hisy hitoboke. [8]Naho izay, lombofo siky
fandala ty vatagnao,mitagnia vaho mibabababa. Fa tsy niala tamintika ty here ty sia gn'Yaveh.[9]Vaho hiseho zay
amy ze andro zay-izay ro fitalilia Yaveh-le ho kivy ty fo ty mpanajka naho mpinday aze reo. Hatahotse mpisoro
reo, vaho tsere draha mpitoky reo." [10]Kea hoe raho tihoe: "Eh gea! Tompo Yaveh. Namitake ty vahoake toy naho
Jerosalema vatane riha tamity fivolagna tihoe: 'Hisy fiadagna ho anareo.' Kanefa ty mesobey le mamango ty ay
gniereo."[11]Amy ze andro zay le ho volagne amity vahoake toy tihoe: "Hisy tioke magnoro bakamity lema gnefetse
reo hanao ty lalane ho ahy ty amity anak'ampela ty ndatiko. Tsy hikororoke na hagnaligno iereo zay. [12]Hisy tioke
mafe lavitse naho izay ho avy amity fandiliako, vaho hagnafay iereo raho.[13]Ingo, mamango manahake ty raho re,
vaho manahake ty talio ty kalesene. Malaky naho ty voromahere ty sovaly. Loza ho antika, fa ho rava tika! [14]Liovo
hiala amity haratia ty fognao Jerosalema mba ho avotse riha. Ho zisike ombia ty hevegnao laleke vatane ro ho
amity hadisoa? [15]Fa nisy feo niday vaovao bakagne Dana, vaho ty loza ho avy le rey bakam-bohy Efraima egne.
[16]Anovo saigne ty firene zao: Ingo, atalilio amy Jerosalema fa misy mpanao velerano ho avy bakegne an-tane
lavitse mba hikorake aly amity tana i Joda. [17]Hanahake mpiambe magnodidy reo ty baibo fambolea gniereo
handietse aze, satria fa nivory handietse ahy re- izay ro fitalilia Yaveh-[18]vaho ty findaisam-batagnareo naho ty
asagnareo le nahavy zaka reo taminao. Izay ro fagnafaiza anareo. Horaty vatane zay! Hahavoa fo vatane zay.[19]Ty
foko! Ty foko! Manaintay ty am-poko ao. Matahotse agnateko ato ty foko. Tsy mitsy raho satria reko ty
feon'anjomara, fanaira ho amity aly. [20]Ty loza miarakamity loza; fa mitoboke amity harava ty tane iaby. Tampoke
eo le rava ty tragnoko, naho ty sikiko tagnate ty andro fohe.[21]Ho zisik'ombia ro ahisahako ty zaka mitovy amy
zay? Ro haharezako ty feon'anjomara? [22]Fa ty hagegea ty ndatiko-tsy mahay ahy iereo. Vahoake gegege iereo vaho
tsy mana fahhaia. Malaky amity raty iereo, feie tsy mahay manao ty soa.[23]Hisako itana ay. Ingo! Tsy nisy ila aze
sady rava zay. Fa tsy nisy hazava ho ahy ty lagnitse teo. [24]Nitalake ty vohitse raho. Ingo, nangitikitike reo, vaho ty
haboa le nangitikitike. [25]Nagnete raho. Ingo, tsy nisy ndre ia ndre ia, vaho ty voro ty lagnitse iaby le nilay iaby.
[26]Nagnete raho. Ingo, tane efetse ty tanen-boly vaho ty tana le voasinto hizotso tagnoloa gn'Yaveh eo, tagnoloa ty
fisafoa ty siane."[27]Ezao ro tsarae Yaveh: " Ho rebake iaby ty tane iaby, feie tsy ho poteke iaby zay. [28]Naho ze antone
zay,le handala ty tane, vaho ty lagnitse ambone egne le hihamaieke. Fa fa nataliliko ty vetsevetseko; tsy
hihemotse raho; tsy hivalike amity fagnatanteraha iereo raho. [29]Hilay amity kotaba ty mpitiko tsovaly naho ty
mpandefa kiditse miarake amity ana kiditse ty tana iaby; hilay ho agnala agne iereo. Ty tana iaby le hanganike
amity andro feno vato; ho foa tana reo, satria tsy hisy ndaty hitoboke amy rey ao.[30]Vaho amizao lahafa rava riha,
ino ro hanoenao? Fa na le misiky jaky aza riha, mignisy ravake volamena, vaho magnabey ty masognao amity
loko, lahilahy ze nagniry anao reo le fa nadietse anao zao. Fa kea, mila hangalake ty aenao iereo. [31]Kea reko ty
hirifiry, jale manahake ty amity fitera ty kolo voaloha nanake,le ty feo ty anak'ampela i Ziona.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]"Milaisa feno lala Jerosalema reo; mila avao kea antane malala ty tanane egne. Vaho dineho vaho eretsereto ty
mikasike izao: laha mahisake ndaty ndre ia ndre ia manao ty mare vaho miezake manao mindeha am-patokia, le
hagnega i Jerosalema raho. [2]Na le mivola aza iereo tihoe: 'Laha mboe velo Yaveh, le manao fanta mbande iereo."
[3]Nao Yaveh, feie vao ty fanente nao tsy magnete fahitia? Mamango ty ndaty riha, nefa tsy mahatiaro fanaitaigna
gniereo. Nandrese vatane iereo riha, nefa tsy mboe mete mandrambe lily iereo. Manao ty tarehene ho mafe naho
ty vato iereo, satria mandietse tsy hifogne.[4]Kea hoe raho tihoe: "Mete ndaty tsy mana avao vasa reo. Gege iereo,
satria tsy mahay ty lala gn'Yaveh, na reo lily ty Zagnahare gniereo. [5]Hindeha ho agne amity ndaty ambone raho
vaho hitalily ty hafa Nagnahare amy gniereo, fa farapaharatine gniereo mahay ty lala gn'Yaveh, lily ty
Zagnaharene reo." Kanefa nirae nandrava ty jogane iereo iaby; nanampake ty ravake vy ze namehe iereo tamy
Nagnahare iereo iaby. [6]Naho izay le hisy liona baka agnate korornala ao hanafike iereo. Hisy amboali bakagne
Arahaba handrava iereo. Hisy leoparda miviny ho avy handietse ty tana gniereo. Ze mandeha miboake ty tana
gniereo le ho rava. Fa mitombo ty fandikan-dily gniereo. Tsy misy farane ty asa fivaliha gniereo.[7]Nanao akore
raho ro tokone hagnege indaty rey? Nagnega ahy anagnao reo vaho nifanta tamy reo ze tsy Zagnahare. Namaha
feno iereo raho, fe nivaro-bata iereo vaho nandeha maro tagne amy tragno reo ty mpivaro bata. [8]Sovaly agnate
hataira ao iereo. Niriorio te hirae iereo. Ty lahilahy kiraidraike le sambe niarake tamity valy ty mpirae belo
amine iaby. [9]Kea tsy tokone hagnafay iereo vao raho-izay ro fitalilia Yaveh-vaho tsy tokone hanao valefate amity
firene manahake izay vao raho?[10]Manganiha amity tanem-boalobone milakoro egne vaho poteho. Fa ko
mamoteke vatane iereo. Afaho ty voalobo gniereo satria tsy bakamy Yaveh voaloboke reo. [11]Fa namitake ahy
vatane ty foko Israely naho Joda-izay ro fitalilia gn'Yaveh. [12]Nivola mbade mikasike Yaveh iereo vaho hoe iereo
tihoe: "Tsy hanao ndre ino ndre ino re; tsy hisy raty ho avy amintika, vaho tsy hahisake mesobey na kere tika. |v
13Ho avy tioke mpitoky reo, tsy amy gniereo ao ty tsara, kea ao hatao amy gniereo ao ze volagne gniereo."[14]Naho
izay Yaveh, iaze Zagnahare ty maroy le mivola ezao: "Satria nivola izay riha,le ingo, hatoboke am-bavagnareo ao
ty tsarako. Hanahake ty afo zay, vaho ty vahoake toy hanahake ty hetae! Satria handevo irey zay. [15]Ingo!hinday
firene bake lavitse handietse anareo raho, nareo foko Israely-izay ro fitalilia gn'Yaveh-firene mafe zay, firene
taloha! Izay le firene ze tsy hainareo ty fivolane, na ho azognareo ze volagnene.[16]Ty tragno nana kiditsene le
hanahake ty kibory mivoha. Miaramila iaby iereo iaby. [17]Naho izay le ho velo ty vokanareo, ty anagnareo lahy
naho ampela avao kea, vaho ty hanenareo. Hihina agnondry aman'ose reo naho biby hare nareo reo; hihina ty
vokatse bakamity voalobokao naho hetae n'aviavy nareo iereo. Handrava amity mesobey ty tana milakoro nareo
ze itokianareo iereo.[18]Fa na le tamy andro reo aza-ezao ro fitalilia gn'Yaveh- le tsy manan-kevetse ty hamoteke
vatane anareo raho. [19]Lahafa mivola nareo, Israely naho Joda tihoe: 'Nanao akore Yaveh Zagnaharetika ro nanao
zaka iaby rey tamintika? vaho bakeo riha, nao Jeremia, hivola amy gniereo tihoe: 'Manahake ty nahafoezagnareo
ani Yaveh naho nanompoagnareo Zagnahre vahiny tamity tanenareo eo, le tsy maintsy hanompo vahiny amity
tane ze tsy anareo eo avao kea nareo.'[20]Indeso amity foko Jakoba agne toy vaho ao zay ho regny Joda. Volagno
tihoe: [21]'Njajigno toy, inareo vahoake gegegege ze tsy mana maso fa tsy mana hazavan tsae; ze mana maso fa tsy
afake mahisake, vaho manan-tsofy nareo fa tsy maharey. [22]Tsy matahotse ahy vao nareo-ezay ro fitalilia gn'Yaveh-
na mangitikitike magnoloa ty tareheko? Nampipoke mbonga tane nandietse ty riake raho, lily fa mahazo ze tsy
afake likave zay-na le magnonja aza ty riake, le tsy mboe mahalika aze zay. Na le magnonja mitrero aza zay, le tsy
hihoatse an'izay.[23]Fa mana arofo mafe ty vahoake toy. Mivio amity fivoria agne zay vaho le nagnenga. [24]Satria
iereo le tsy nivola tam-pone ao iereo tihoe: "Ao tika hatahotse ani Yaveh Zagnaharetika, iaze minday ty oray-iaza
lohan'ora naho fara gnoray-amity andro gnizay, mintanjake heregnadro voantingy reo ty vokatse reo ho antika."
[25]Nintanjake zaka reo tsy hiseho ty hadisoagnareo. Nanaka ty soa ho avy aminareo ty hadisoagnareo.[26]Satria
hisako tamity ndatiko ty raty fagnahy. Magnete manahake ty ndaty mijokojoko hitsepake voro iereo; nampipoke
fitake iereo vaho nitsapake ndaty. [27]Manahake ty fakane feno voro, le feno fitake ty tragno gniereo. Kea miha
mitombo iewreo vaho lasa manakanagna. [28]Nihavondrake iereo; namirapiratse amity fimandigna. Nitsake ty
haratia iaby iereo. Tsy mitoreo amity raraha ty ndaty iereo, na ty raraha ty bode. Tahie iereo na le tsy magnomey
rarene ty ndaty mila fagnampea aza. [29]Tsy tokone hagnafay iereo naho zaka reo vaho raho-ezay ro fitalilia
gn'Yaveh-vaho tsy hamale fate ty firene manahake itoy vaho raho?[30]Habibia naho horohoro ro hiseho tamy taney
eo. [31]Mitoky aman-pitake mpitoky reo, vaho mandily amity fahefane avao mpisoro reo. Tea ty ndatiko zay, fa ino
ty hiseho amity farane?"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

[1]Mahisaha filamina, nareo vahoa Benjamina amity fagnenga ani Jerosalema. Tiofo a Tekoa ao ty Trompetsa.
Magnakara famantara ani Beti-hakerema, satria misy haratia miseho baka avaratse agne; misy fapipotepoteha
bevata ho avy. [2]Ty anak'ampela iZiona, iaze ampela soa naho malemey, le ho poteke. [3]Mpiarake agnondry reo
naho ty agndry aman'ose gniereo le handeha ho amy gniereo agne; hagnisy tragno ty magnodidy iereo iaby iereo;
ty lahilahy kiraidraike iaby le hiambe amity tanane avao.[4]Magnolora vata amy Zagnahare reo ho amity aly.
Mitsangana, ndao tika hanafike amity mazava tignana. Raty loatse laha ohatse kea folakandro, laha ohatse avy ty
alo ty hariva. [5]Fa ao tika hanafike amity hale vaho handrava fiarone mafe reo."[6]Fa Yaveh Tompo ty maro le
mivola ezao: Tampaho hetaene reo, vaho magnamboara tovon-tane handiera ani Jerosalema. Io ro tana soa
tafihe, satria feno fijalea ao. [7]Manahake ty loharano mimpisalebolebo ty rano, le manohy mamokatse haratia
otana ao. Hereloha vaho koronta ro re amine ao; arete naho fere zisikagne ro agnoloa ty tareheko eo. [8]Hekeo ty
kiditse, nao Jerosalema, laha tsy izay le hivalike aminareo raho vaho handrava anareo, ho tane tsy misy
ndaty.""[9]Yaveh Tompo ty maro le mivola ezao: "Mete hitimpo ze sisa tavela a Israely ao manahake ty tanem-
boalobo gniereo. Atsangano ty tagnano mba hangalake voaloboke amity hetaen-boaloboke egne. [10]Amy gnia ro
tokone hagnamboarako naho hampianbenako vaho hinjajy iereo? Ingo! tsy voatampake ty sofy gniereo; tsy afake
ty hifantoke iereo! Ingo! Fa avy tamy gniereo ty tsara gn'Yaveh mba hagnitia iereo, feie tsy paia gniereo zay."[11]Fa
iraho le feno ty sia gn'Yaveh. Rerake ty mitanjake izay raho. Hoe re tamiko tihoe: "Arotsaho amy aja reo an-dala
egne naho reo toropy ntsomonjara zay. Fa ty lahilahy iaby le hafaha amity valine; vaho ty roandria iaby fa
nahazo tao. [12]Ty tragno gniereo le hamea ty hafa, miarake amy tane reo naho ty valy gniereo. Fa hosikineko amity
tagnako ty ndaty amy tana ay ao-izay ro fitalilia gn'Yaveh.[13]Nitalily Yaveh fa manomboke amity kele vatane kea
zisikamity bevata vatane, iaby reo le fatra pila hanagna amity tsy rarene. Manomboke amity mpitokine
zisikamity mpisorone, iaby reo le sambe mpamitake. [14]Nagnafake ty fere vahoako reo mora avao iereo, nivola
tihoe: "Fiadagna! Fiadagna! tamity tsy nisy fiadagna tao. [15]Afa baraka vao iereo lahafa nanao haratia? Tsy afa
baraka iereo; tsy mahay mivara mena iereo! Kea hitonta miarake amy tonta reo iereo; hindese mizotso iereo
lahafa nifaize, tihoe Yaveh.[16]Ezao ro tsarae gn'Yaveh: "Mitsangana amity sapagna ndala eo vaho henteo;
agnotaneo ty lala taloha. 'Aia ze lala soa zay?' Bakeo le mandeha amy zay vaho mila pilasy fitofa ho anareo. Fa
hoe ty vahoake tihoe: 'Tsy handeha zahay.' [17]Nitingy mpiambe ho anareo raho mba hinjajy ty trompetsa. Fa hoe
iereo tihoe: 'Tsy hinjajy zahay.' [18]Naho izay, nareo firene, njigno! Ingo, hitsanga vavolombelo amy ze hiseho amy
gniereo riha. [19]Njigno, nareo tane! Ingo, hinday loza amity vahoake toy raho-ty voka ty eretsere gniereo. Tsy
nidare ty tsarako na ty liliko iereo, fa nandietse izay kea."[20]Manajare ino ho ahy ty fiakara ty linten-ketae
magnitse baka Seba agne? Na fofo maleme bakagne amity tane lavitse reo? Na fofo maleme bakagne amity tane
lavitse reo, na sorognao reo. [21]Ka nivola izao Yaveh tihoe: 'Ingo, hametsake saka amity vahoake toy raho. Ho
tafintohy am'izay eo iereo-miarake ao raeke reo naho anake lahy reo. Ho lany avao kea ndaty reo naho mpirae
belo reo.' [22]Ezao ro tsarae gn'Yaveh tihoe: 'Ingo, hisy vahoake ho avy amity tane avaratse agne. Fa misy firene
bevata fa narisike ho avy amity tane lavitse agne.[23]Hinday kiditse naho lefo iereo. Feno habibia iereo vaho tsy
mana tsetse. Manahake ty fitrero ty riake ty feo gniereo, vaho mitikitse sovaly maro manahake ty lahilahy mpialy
iereo, nao ty anak'ampela i Ziona."'' [24]Fa nahare ty vaovao mikasike iereo zahay. Ty tagnanay le
manjaremalemeleme ty fijalea. Fehe ty fanaintagna manahake ty ampela minday vesatse zahay.[25]Ko miboake amy
baibo reo egne, vaho ko mandeha amity lala egne, satria ty mesobey fahavalo reo naho ty horohoro le egne iaby.
[26]Nao ty anaka'ampela ty ndatiko, misikina siky fandala vaho mikofoha amity lembo ty fandevegna ho ahy ty kolo
toka. Anovo mafaitse ho ahy ty vatagnareo ty fandevegna, satria ho avy tampoke amintika eo ty mpandrava.
[27]"Nao Jeremia, fa nanao anao ho mpagnete ty vahoako manahake ty mpitsapa vy raho, naho izay le hagnotane
vaho hagnete ty fomba gniereo riha. [28]Iaby reo ro tena mafe loha vatane amity vahoake. ze mandeha amity
fagnaratiratia any hafa reo. Iereo iaby reo le varahy naho vy, mpandreberebe. [29]Fitiofa reo may ty afo ze magnoro
iereo; ty firake le rava agnate afo. Nitohy ty fagnekea tamy gniereo, fa tsy misy dikane zay, satria tsy mboe niala
ty raty. [30]Ho kaihe tihoe volafoty tsy lany reo, satria fa niliere gn'Yaveh."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 7

[1]Ezao ty tsara ze niavy tamy Jeremia bakamy gn'Yaveh: [2]"Mitsangana am-bavahady ty tragno gn'Yaveh vaho
atalilio ty tsara toy! Volagno tihoe: "Njajigno ty stara gn'Yaveh, nareo joda iaby, inareo ze militse amy vavahdy reo
ao mba hanompo agn'Yaveh.[3]Yaveh tompo ty maro, Zagnahare Israely, le nivola tihoe: amboaro ty lalagnareo
vaho manova ty soa, le hanohy ty hiay amity toera toy ao riha. [4]Ko mitoky amy tsara mamitake reo manao tihoe:
"Tempoly gn'Yaveh! Tempoly gn'Yaveh! Tempoly gn'Yaveh!"[5]Fa laha magnamboatse ty lalagnareo vatane nareo
sady manao ty soa; laha tena magneke feno ty rarene amity ndaty eo naho ty mpiare velo amine vatane
nareo-[6]laha tsy magnararaotse iaze mijanoy amy taneey eo, bode reo, na mpinday bata reo nareo vaho ko
mampipo-dio ndaty tsy manan-tsiny amy ze toera zay eo, vaho ko magnorike Zagnahare hafa reo hampijale ty
vatagnareo avao-[7]le hagnega anareo hitoboke amity pilasy toy eo raho, agne amity tane ze nameako any
roazagnareo reo tamity andro taloha vaho ho zisikagne.[8]Ingo! Inareo le matoky tsara mbade reo ze tsy
magnampe anareo. [9]Feie vao nareo mangalatse,, mamono, naho mivarobata? Mifanta amity fitake vao nareo
vaho magnomey linte ketae magnitse ho ahy Bala vaho magnorike Zagnahare hafa reo ze tsy mboe hainareo? [10]Le
avy hitsanga agnoloako ato amity tragno toy ze kinaike amity agnarako vao nareo vaho hivola tihoe: "Avotse
zahay," mba hahainareo manao haratia iaby reo? [11]Feie vao ty tragno toy, ze minday ty agnarako, zohen-ajiahy
amasognareo eo? Kanefa ingo, fa hisako zay-izay ro fitalilia gn'Yaveh.'[12]Kea mandehana agne amity fitobohako ze
agne Silo, ze nagnegako ty agnarako hitoboke tamboalohane, vaho henteo ty nanovako aze naho ty haratia ty
vahoa Israely. [13]Kea amizao, naho ty fanovagnareo fanaonareo iaby reo-izao ro fitalilia gn'Yaveh-nivola taminareo
mbegne mbegne raho, nefa tsy ninjajy nareo. Nampikaike anareo raho, nefa tsy namale nareo. [14]Naho izay, ze
nanoeko tamy Silo,le hanoeko amity tragno ze kinaiko amity agnarako toy, i tragnoy ze nitokienareo, ty toera ze
nameako anareo naho ty razagnareo toy. [15]Fa handroake anareo tsy ho agnoloa eto raho manahake ty fa
nandroahako rahalahinareo iaby reo, foko gn'Efraima iaby reo.[16]Laha ty aminao, Jeremia, ko mivavake ho ahy ty
vahoake toy, vaho ko manondrotse ty fibabababa mpitagnia na mitogno vavake amity agnara gniereo. ko
mangatake amiko, fa tsy hinjajy anao raho. [17]Feie vao tsy hisagnao ty anoe gniereo amy tana joda reo ao naho
amy lala gny Jerosalema reo egne? [18]Mamory hetae aja reo vaho ty raike mandrehetse afo! Ampela reo mandisa
koba hanaova mofo mamy ho ahy ty mpanajaka vave ty lagnitse naho mampipoke raketse nome ho ahy
Zagnahare kafa reo mba hiantsia gniereo ahy.[19]Tena mikizake ahy vatane vao iereo?-izao ro fitalilia gn'Yaveh-feie
vao tsy ty vata gniereo avao ro kizahe gniereo, kea amy gniereo ao avao ze hegnatse zay? [20]Naho izay le izao ro
tsarae ty Tompo Yaveh: "Ingo, ty siako naho ty heloko le ho avy amity tana toy, amity ndaty naho ty bibily, amity
hetae amy baibo reo naho ty voa amity tane. Hirehetse zay vaho sty ho mate mihintsy.'[21]Ezao ro tsarae gn'Yaveh
tompo ty maro, Zagnahare Israely: 'Anovo amy sorognao reo naho ty hena bakamine raketse oroa gnareo. [22]Fa
laha ninday ty razagnareo hiala bakao amity tane Egypta raho,le tsy nitake ndre ino ndre ino tamy gniereo. Tsy
nagnomey lily iereo mikasike ty raraha ty raketse oroa naho ty soro raho. [23]Ezao lily zao avao ro nameako iereo:
"Njajigno ty feoko, le ho Zagnaharenareo raho vaho inareo ho ndatiko. Kea mandehana amity lala iaby ze
nandiliako anareo, mba hahisahanareo soa."[24]Kanefa tsy ninjajy iereo vaho tsy niambe. Niay taman-pikasa ndraty
ty fogniereo avao iereo, kea nihemotse, fa tsy nandeha.[25]Zisikamy iandro niboaha ty razagnareo bakao amity tane
Egyptay ka zisikamize andro zao, le fa nandefa ty kiraidraike tamy mpanompoko reo, mpitokiko reo, taminareo
agne raho. Nikiry tamity fandefasa iereo raho. Tsy nidare iereo. Fa kea, nagnamafe hatoke iereo. Raty fagnahy
mihoatse naho ty razagnareo iereo.'[27]Kea atalilio amy gniereo tsara iaby reo, fa tsy himjajy anao iereo. Atalilio
amy gniereo ze zaka iaby zay, fa tsy hamale anao iereo. [28]Volagno iereo fa ty firene tsy minjajy ty feo gn'yaveh
Zagnahare vaho tsy mandrambe anatse. Rava ty fahitia vaho niala tamity vava gniereo.[29]Tampaho ty volognareo
le harato ty vatagnareo. Miantsa antsa fandala agnivontane egne. Fa Yaveh le fa nandietse naho nahafoe ty foko
toy amity siane. [30]Fa nanao raty tamasoko ty ana gny Joda-izay ro fitalilia gn'Yaveh-nadefa ty zaka mampangoritse
iereo tamity tragno ze kinaike amity agnarako iereo, mba handoto izay.[31]Bakeo le nagnore ty pilasy abo ty Tofeta
ze agne amity baibo Ben-Hinema iereo. Nanao izay iereo hagnoroa anake lahy naho anak'ampela gniereo amity
afo-zaka ze tsy nandiliako, na nilitse tamity saekko aza. [32]Kea ingo, ho avy andro reo-izay ro fitalilia gn'Yaveh-
lahafa tsy ho kaihe ho Tofeta na baibo Ben-hinema sasy zay. Ho baibo ty famonoa zay; handeve ty fate a Tofetao
iereo zisike ty tsy mampisy pilasy zasy.[33]Ty fate ty vahoake toy le ho hane ty voro ty lagnitse naho ahy reo biby ty
tane, vaho tsy misy ndre ia ndre ia hampatahotse iereo sasy. [34]Ho faragnako tana joda reo, ty feo ty hafalea naho
ty feo ty fitilitiligna, ty feo ty mpanondrotse naho ty feo ty ampiakare, fa ho lany ty tane."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 81"Amy ze andro zay-izao ro tsara Yaveh-hindese iereo hiboake reo kibory ty taola reo mpanjaka i Joda
naho reo manan-kasy, reo taola gniereo mpisoro naho reo mpitoky, vaho reo taola gniereo ndaty Jerosalema.

[2]Vaho haparita gniereo amity fahazava ty masoandro eo naho ty vola vaho reo vasia iaby egne amity lagnitse reo;
reo zaka egne amity lagnitse ze narahe gniereo naho nitompoene, ze nitompoene naho finotopotogniereo, vaho
niondreha gniereo. Tsy havory reo taola vaho tsy haleve sasy. Hanahake ty litsake egne amity velaran-tane iereo.
[3]Egne amity toera iaby sisa tavela ze nindaisako iereo, le hifily ty havilasy iereo fa tsy ty miay, ty iaby mboe velo
amity firene raty toy-izay ro tsara Yaveh tompo ty maro.[4]Kea volagno iereo tihoe: 'Izao ro tsara Yaveh: Nisy
nitonta vao ka tsy nitsanga? Nisy ndaty tsobo vao ka tsy nagnandra ty hihere? [5]Fa nanao akore ty vahoake toy,
Jerosalema, ro nivio maharetse tamity tsy fanagnam-pinoa? Mireketse amity fitake iereo vaho milietse ty hifona.
[6]Niambe soa raho vaho ninjajy, fa tsy nivola mare iereo; tsy nisy niala tsiny tamity faharatiane, tsy nisy na raike
aza mivola tihoe: "Ino ro nanoeko?" Nandeha tagne amy ze niriene aby iereo iaby, manahake ty sovaly lahine
milay amity aly. [7]Na ty vano egne amity lagnitse aza mahay ty fotoa mete; naho reo domoina, sidintsidina, vaho ty
vanobe. Mandeha amity fifindra toera iereo amity andro mete, fa ty ndatiko le tsy mahay ty lily Yaveh.[8]Manao
akore ty hivolagnanao tihoe; "Henhe tika, fa ty lily yaveh le miarake ahy"? Eka vatane, ingo! Ty sitilo mpamitake
ty mpanora-dily le fa namoro fitake. [9]Ty lahilahy hendre le ho salabaraka. Velon-tahotse iereo vaho voafandrike.
Ingo! Nandietse ty tsara Yaveh iereo, kea atao ino ty fahendre gniereo? [10]Ka hagnomey ty valy gniereo ho ahy ty
hafa raho, vaho reo tanem-bole gniereo ho ahy ze mana reo ho hanagna, satria manomboke amity kede vatane
ka zisikamity bevata vatane, iereo iaby le tea vola azo bakamity tsy rarene. Zisikamy ty mpitoky ka zisikamy ty
mpisoro, iereo iaby le manao fitake.[11]Nagnafake ty fere reo vahoako mora avao iereo, nivola tihoe: "Fiadagna,
fiadagna," tamity tsy nisy fiadagna tao. Megnatse vao iereo laha nanao reo zaka ratiraty? [12]Tsy megnatse iereo; tsy
hay gniereo ze hoe mivoara-mena! Ka hitonta amy reo tonta eo iereo; hindese mizotso iereo lahafa voasaze, hoe
Yaveh. [13]Hagnafake iereo vatane raho-izay ro tsara Yaveh-tsy hisy voaloboke amity hetaem-boaloboke, na amity
hetae n'aviavy aza le tsy hisy aviavy. Vaho haleme ty ravene, vaho ze nameako iereo le ho rava.[14]Nanao akore tika
ro mitoboke eto? Ndao hiarake; hindeha tika ho agne amy reo tana voaaro mafe, vaho hizare mitsy amity
havilasy agne tika. Fa hampitsy antika ty Yaveh Zagnaharetika. Hampino rano misy poizy antika re, satria fa
nandiso tamine tika. [15]Magnategna fiadana tika, nefa tsy hisy zaka soa. Magnategna fotoam-pagnasitragna tika,
nefa ingo, hisy horohoro.[16]Rey bakagne Dana ty feo ty feon-piefo reo sovaly lahine. Mihozongozo ty tane iaby
naho ty feo ty fitsero reo sovaly mafe. Fa ho avy iereo vaho hamoteke ty tane naho ty hareane, ty tana naho reo
ze mitoboke ao. [17]Fa ingo, handefa bibilava aminareo raho, le vipera ze tsy ho azognareo tambatambaze.
Haneketse anareo reo-izay ro tsara Yaveh."'[18]Tsy mana-pijanogna ty alaheloko, vaho marare ty arofoko. [19]Ingo! Ty
feo mikiake ty anakampela ty vahoako bakagne an-tane lavitse! Tsy ao Ziona vao Yaveh? Na tsy ao vao ty
mpanjakane? Nanao akore zane iereo ro mampikoretse ahy amy reo toe n'asa aloalo naho reo aoly vahiny tsy
misy dikane?[20]Fa nandalo ty fotoam-pamokara, tampetse ty asara. Nefa tsy voavonje tika. [21]Nifere raho naho ty
fere ty anak'ampela ty vahoako. Malahelo ty amy reo zaka mampangory ze nahazo aze raho; velon-tahotse raho.
[22]Tsy misy fagnafoly vao ty ao Gileada? Tsy misy mpagnafake vao ty ao? Nanao akore ro tsy hiseho ty
fagnasitragna ty vahoako?


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 9

[1]Laha mba afake mamokatse rano moa ty lohako, vaho ty masoko loharanon-dranomaso! Fa magniry ty hitagny
andro aman'ale raho ho ahy reo anak'ampela ty ndatiko ze nivonoe. [2]Laha mba misy ndaty afake magnomey ty
toera ho ahy reo mpivahiny ho ahy hitoboha agne agnefetse moa, ze ahafahako magnega ty ndatiko. Laha mba
afake magnega iereo moa raho, satria iereo iaby le mpitsangatsanga naho tarike mpamadike! [3]Yaveh le nitsara
tihoe: "Magnenja ty anakititsen-badene amity lelane iereo, nefa tsy naho ty fahatokia iereo ro mampatanjake aze
amity tane. Niala tamity asa raty raike iereo le militse amity raike hafa. Tsy mahay ahy iereo."[4]Inareo kiraidraike
aby, mitandrema amity ragnenareo vaho ko matoky reo rahalahy. Fa ty rahalahy iaby le mpamitake vatane, vaho
ty ragnetse iaby le mindeha amity fagnedrekendreha. [5]Ty ndaty kiraidraike le magnratiraty ty ragnene vaho tsy
mivola ty mare. Ty lela gniereo le mampianatse zaka fitake. Rerake amity fanaovan-draty iereo. [6]Ty
fitobohagnareo le agnivoa ty fitake eo; tagnate ty famitaha iereo le milietse ty hagneke ahy iereo-izay ro tsara
Yaveh."[7]Yaveh Tompo ty maro mivola tihoe: "Ingo, iraho fa hagnete fomba naho hitsapa iereo, fa ino avao kea ro
afake anoeko, naho ty amy ze nanoe ty ndatiko? [8]Ty lela gniereo le ana-kititse maragnitse; mivola zaka tsy
matoky iereo. Amity vavane ro hitaliliane fiadagna amy reo ragnene, fa amity fone ro hanaovane raraha ho ahy
iereo. [9]Tsy tokone hagnafay iereo vao raho naho ty amy reo zaka reo-fitalilia Yaveh zay-vaho tsy tokone hamale
fate amity firene manahake izao vao ty vatako?[10]Hiantsa antsa fisaogna naho fibababababa ho ahy reo vohitse raho,
vaho ty antsa-padevegna le antsa amy reo tane akata eo. Fa noroa iereo ka tsy misy afake mandrio amy zay. Tsy
haharey feo ty biby fihare sasy iereo. Reo voro ty lagnitse naho reo biby le nilay iaby. [11]Kea le hanoeko ho antonta-
paharava ty Jerosalema, naho fitrero reo amboa ly. Reo tana i Joda le hanoeko toera rava tsy misy ndaty." [12]Ia ro
ndati-kendre mahatakatse izay? Ho a nia ro nivolagna ty fitava Yaveh, ka hitalily izay re? Fa ino ro nahasimba i
taney naho nandrava aze manahake ty efetse ze tsy ahafa n'ia ia mandrio?[13]hoe Yaveh tihoe: "Satria iereo
nahafoe ty liliko ze napoko tagnoloane, satria tsy ninjajy ty feoko na nadeha tamy izay iereo. [14]Satria iereo le
nandeha tamity hereloha ty fone naho nagnarake reo Bala manahake ze nagnanara reo razagne iereo hanoe.
[15]Naho izay Yaveh Tompo ty maro, iaze Zagnahare Israely, mitsara tihoe: 'Ingi, hampihinaneko hetae mafaitse
naho hampinomeko rano misy poizy ty vahoake toy. [16]Vaho haeleko magnera reo firene ze tsy mboe hay iereo, na
ire na ty razagn;iereo. Handefa meso hamango iereo raho mandra-paharava iereo vatane.'"[17]Yaveh Tompo ty
maro nivola tihoe: "Dineho zao: Mikaiha antsa-pandevegna; ao iereo ho avy. Mampikaiha ampela manan-pahaia
amity fitagnia; ao iereo ho avy. [18]Ao iereo ho avy malaky ka hiantsa antsa fisaogna amintika eto, ka lonike ho feno
ranomaso ty masontika vaho ho feno rano ty holi-mason-tika.[19]Fa ty feo ty fibababababa le rey agne Ziona, 'Henhe
ty faharatinka. Megnatse vatane tika, satria nagnenga ty tane tika zisikamy ty nandrava ty tragnotika.' [20]Kea
inareo ampela, njanjigno ty tsara Yaveh; ambeno reo hafane ze bakamity vavane. Kea anaro antsa fisaogna ty
ananareo vave, vaho antsa fandevegna ty ampela ragnenareo kiraidraike iaby.[21]Fa ty havilasy le avy bakeo amity
lalantika; nilitse ao amy reo lapantika zay. Mandany reo kolo vave agne ambalike zay, naho reo ajiahy egne an-
kianja ty tana. [22]Atalilio izao, "Izay ro tsara Yaveh-ty fate iereo lahilahy le hirarake manahake ty zezeke am-baibo
egne, vaho hanahake ty amboa-bare afara gniereo mpamokatse ao, vaho tsy hisy ndaty hamory izay.'"[23]Izao ro
tsara Yaveh: "Ao ty hendre tsy hirengerenge amity fahendreane, na ty lahilahy mpialy amity herene. Ao ty
manankarea tsy hirengerenge amity hareane. [24]Fa laha misy ndaty mirengerenge amin-jaka, le engaho amy zao
zay, fa mahay ahy naho ty agnatek ao re. Fa iraho ro Yaveh, ze miasa amity fagnekea tsy mivalike, ty rarene naho
ty hitsine an-tane eo. Fa amy zay ro ahazoako fahafinareta-izay ro tsara Yaveh."[25]"Ingo, avy reo andro-izay ro
tsara Yaveh-lahafa hagnafay reo iaby voatampake amity nofone avao raho. [26]Hagnafay ani Egypta naho Joda,
Edoma, ty vahoake i Amona, Moaba, vaho ty ndaty iaby ze manampake ty volondohane ho bory vatane raho. Fa
reo firene iaby reo le tsy vitatampake, vaho ty longo Israely iaby le mana fo tsy voatampake."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]"Njigno ty tsara ze nitsara Yaveh anareo, longo Israely. [2]Izao ro tsarae Yaveh: "Komianatse ty lala reo firene reo,
vaho ko vagno-tahotse ty amy reo famantara egne amity lagnitse, fa reo firene le rako-tahotse naho ireo.[3]Fa ty
fomba fanao ara-pivavaha reo ndaty reo le tsy misy dikane. Nananpake hetae tagnala agne iereo, vaho ty
mpanao asa-tagna aloalo ty hetae. [4]Bakeo le pozie gniereo amity volafoty naho volamena zay. Hamafesena amity
tantagna naho fantsike mba tsy hitonta zay. [5]Ty amboare ty tagna gniereo le zaka manahake reo kale
mampatahotse egne am-baibo kaokaombira, satria reo kea, le tsy afake mivola na ino na ino, vaho tsy maitsy
tarazoe gniereo satria tsy afake mandeha. Ko matahotse reo, fa tsy afake minday raty, na kea zaka soa reo."'[6]Tsy
misy ndaty heo ao, ry Yaveh. Foloay riha, naho foloay amity here ty agnaranao. Ia ro tsy matahotse anao, ry
Mpanjaka gnireo firene? Te izay ty mendreke anao, satria tsy misy hoe ao ty amireo lahilahy hendre iaby ty
firene na reo fanjaka ty mpanjaka iaby.[8]Mitovy iaby iereo, pitse naho gege iereo, mpianagnireo sampe toe
tsinontsino fa hetae. [9]Iereo le minday kalankala volafoty bakagne Tarsisy, vaho volamena bakagne Ofaza
nataogn'iereo mpanao asa-tagna, le ty tana iereo mpandenteke. Ty akanjo iereo le lamba manga vaho voloparasy.
Reo lahilahy mahay gniereo ro nanao reo zaka iaby reo . [10]Kanefa Yaveh ro Zagnahare mare. Zagnahare velo vaho
mpanjaka zisikagne re. Mangorohoro amity helone ty tane, naho tsy afake miaretse ty helone reo firene.
[11]Hirehake amiereo hoe izao riha:" Reo Zagnahare ze tsy nanao ty lagnitse vaho ty tane le ho mate amity tane
vaho ty ambane lagnitse eo." [12]Fa re ro nanao ty tane tamity alala ty herene, vaho nametreka zao iaby zao tamity
fahendreane, naho tamity alala ty hazavan-tsay ro namelarane ty lagnitse. [13]Ty feone ro mampiraondrao ty rano
egne amity lagnitse, naho re ro magnankatse reo mika bakagne amity fara ty tane. Manao ty helatse ho ahy ty ora
re naho mandefa ty tioke bakamity tragno fiharea.[14]Ninjare tsy ampe hilala ty ndaty iaby, tsy misy hilala. Nafaha
reo sampene baraka ty mpiasa vy iaby. Fa fitake reo saren-jaka vita-voane; tsy misy fiaigna amy reo ao, asagnireo
mpandiso; ho rava reo amity andro ty fagnaliloa. [16]Kanefa Zagnahare, iaze antsasagn'i Jakoba, le tsy hoe irey, te re
ro mpametsevetse ty zaka iaby. Israely le foko ty lovane; Yaveh tompo ty maro ro Agnarane.[17]Avorio ty hanagna
nareo naho midisoa amity tane, inareo ndaty mitoboke ambanegn'ity faherano. [18]Te ezao ro safagn'i Yaveh:" Ingo,
tefa handroake reo vahoake ty tane raho amize andro zao. Hahavy jale amiereo raho, naho ho hisagniereo
vatane zay."[19]Loza hoahy! noho reo taolako tampake, le magnonetse ty fereko. Ka hoe raho:" Jale vatane zao, nefa
tsy mahaintsy zakaeko." [20]Rava ty tragnoko, naho ty taly ty tragnoko iaby le nizara roe. Tefa nagnafake anako reo
tamiko iereo, le tsy nisy sasy iereo. Tsy misy ndaty hamelatse ty tragnoko na hananga ty lamban-tragnoko sasy.
[21]Te gege reo mpiarak'agnondry naho tsy mipay i Yaveh iereo; naho tsy hinajary iereo, naho ty agnondry iereo
iaby le niparaitake. [22]Tefa avy ty talily ty vaovao:" Ingo, avy, avy bakagne avaratse ty horohoron-tane bey. Mba
hamoteke reo tanagn'i Joda, fihaja hoahy ty amboan'ala."[23]Haiko, Yaveh, fa ty lala ty ndaty raike le tsy baka amine.
Tsy misy ndaty mandeha mahity amity famindrane. [24]Anaro, amity fahitianao raho, Yaveh, fa tsy amity siakenao
ka hamoteke ahy riha. [25]Arotsaho amy iereo firene eo ze tsy mahay anano naho reo longo ze tsy mikaike ty
agnaranao ty siakenao. Fa fa nandrapake andre Jakoba naho nitele aze mba handrava aze vatane naho
handrobake ty fitobohane iereo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 11

[1]Izao ro tsara ze niavy tamy Jeremia bakamy Yaveh, manao tihoe: [2]"Njanjigno reo tsara ty firene toy, vaho atalilio
amity ndaty kiraidraike a Jodao naho reo ndaty i Jerosalema zay.[3]Mivolagna amy iereo tihoe: 'Yaveh, Zagnahare
Israely ro mivola izao: voaozo ze tsy minjanjy reo vola ty firene toy. [4]Intoy ro fagnekea ze nandiliako hambena
reo razagnareo tamity andro nindaisako iereo hiboake ty tane Egypta, amity laforo bevata fandrendreha vy. Le
nivola raho tihoe: "Njanjigno ty feoko vaho tanteraho reo zaka iaby ze nadiliako anareo, fa ho ndatiko nareo vaho
iraho ho Zagnaharenareo." [5]Magnekea ahy mba hahafako magnamafe ty fifanta ze nifantako tamy reo
razagnareo, ty fifanta fa hagnomey iereo tane feno ronono naho tantele raho, ze hitobohagnareo amizao." Vaho
iraho, Jeremia, namale ka nivola tihoe: "Egne, Yaveh!""[6]Le nivola tamiko Yaveh tihoe: "Atalilio agne amy reo tane i
Joda naho egne amity lala i Jerosalema reo zaka iaby reo. Volagno tihoe: 'Njanjgno reo tsara ze fagnekea zao vaho
ekeo reo. [7]Fa fa nagnomey lily magnetseketseke ho ahy reo razagnareo raho nanomboke tamity andro nindaisako
aze amity tane Egypta ka zisik'amizao, nampiambe iereo aman'ahiahy ka nanao tihoe: "Njanjigno ty feoko."' [8]Fa
tsy ninjajy na nandineke ahy iereo. Sambe nandeha arake ty hamafesa ty fo ratine ty ndaty kiraidraike. Ka
ninday reo voaozo tamity fagnekea ze nandiliako raho mba ho avy handietse iereo. Fa mboe tsy nagneke avao ty
vahoake."[9]Le nivola tamiko Yaveh tihoe: "Nahisaha tete-draty tamy reo ndaty i Joda naho reo ndaty jerosalema.
[10]Nihere tamy reo helo gniereo razane taloha eo iereo, ze nandietse hinjajy ty tsarako, fa naleo gniereo kea
magnarake reo Zagnaharen- kafa mba hanompo iereo. Nivalike tamity fifagnekea ze napoko niarake tamity raza
gniereo ty foko i Joda naho ty foko i Jerosalema.[11]Naho izay le izao ro tsara Yaveh: "Ingo, hinday loza ho amy iereo
raho, loza ze tsy ahafaha gniereo milay. [12]Le hikaike ahy iereo, fa tsy hinjajy iereo raho. Handeha naho hikaike
reo Zagnahare ze namea gniereo fagnomeza ty tana i Joda naho ty ndaty i Jerosalema, nefa azo antoke fa tsy
hahavonje iereo amity andro ty loza iereo. [13]Ho anao Joda, le nitombo hanahake ty isa reo tananao ty isa ty reo
Zagnaharenao. Iriha ro nanao ty isa reo alitara mahamegnatse ta Jerosalema ao, alitara ty linte-ketae magnitse ho
ahy Bala, hitovy iasake amy reo lalane.[14]Kea iriha, Jeremia, ko mivavake ho ahy ty vahoake toy. Ko mibabababa
na mivavake amity agnara iereo. Vaho tsy hinjajy iereo raho lahafa mikaike ahy agnate ty lozane iereo. [15]Nanao
akore teako, iaze raike ze nana vetsevetse raty maro bey, ro an-tragnoko ao? Tsy afake magnampe anao ty hena
reo fagnomezanao. Mifale riha naho reo asa ratinao. [16]Hetae oliva mirave ro nikaiha Yaveh anao taloha, soa
tarehe miarake amity voane maha te hangalake. Fa handrehetse fitreron-kotroke; ho tapake ravene reo.[17]Fa
Yaveh Tompo ty maro, ze nambole anao, nandily loza taminao naho reo asa raty ze nanoe ty foko Israely naho ty
foko i Joda-Nahameloke ahy iereo tamity nagnomeza reo fagnomeza ho ahy Bala."'[18]Nampahaie Yeveh ahy ze
zaka zay, ka haiko reo, Yaveh, nampahisake ahy reo asa gniereo. Le manahake ty anak'agnondry maleme fagnahy
[19]ze nindese egne amity mpivaro kena raho. Tsy nahay raho fa namoron-kevetse raty handietse ahy iereo tihoe:
"Ndao ho fongoren-tika ty hetae naho ty voane! Ndao ho tapahetika hiala amity tane amity fitobohane reke ka tsy
ho tadidie sasy ty agnarane." [20]Fa Yaveh Tompo ty maro ro mpitsara mare ze mandineke ty fo naho ty say. Ho
vavolombelo ty famaleanao handietse iereo raho, fa naneho ty mikasike ahy taminao raho.[21]Naho izay Yaveh le
nitsara izao mikasike ty vahoake Anatota ze mila ty fianao: "Hoe iereo: 'Ko mitoky amity agnara Yaveh riha, fa
mandrare ho mate amity tagnanay. [22]'Le hoe Yaveh Tompo ty maro: 'Ingo, fa hagnafay iereo raho. Reo ajiahy
mahere gniereo le ho mate ty meso. Reo anake lahy naho anak'ampela gniereo le ho mate ty kere. [23]Tsy hisy na
raike aza ho tavela amy iereo, satria hinday loza handietse ty vahoake i Anatota raho, tao raike ho ahy ty
fagnafaiza iereo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 12

[1]Mare riha, Yaveh, isake ty mifandietse aminao raho. Tokone hivola aminao vatane ty antone hitoeravako raho:
Nanao akore ty lala ty raty fagnahy ro vagno? Ty ndaty tsy manam-pinoa iaby le vagno. [2]Nambolenao iereo vaho
nitiry ravene. Tsy mijano mamoa iereo. Agnila ty vava gniereo riha, nefa lavitse ty fo gniereo.[3]Fa iriha, Yaveh,
mahay ahy. Mahisake ahyr iha vaho magnete ty fomba ty arofoko aminao. Indeso manahake ty agnodry ho vonoe
iereo, vaho hatokane ho amity andro famonoa! [4]Zisik'ombia ty tane ro hihamaike zisikagne, vaho ty zaka mitiry
amity baibo egne iaby haleme naho ty amity faharatia reo ndaty amine ao? Reo biby naho voro le fa nafaha. Fa
kea, hoe ty vahoake tihoe: "Tsy hay Nagnahare ze hahazo antika."[5]Hoe ty Yaveh: "Eka vatane, laha riha, Jeremia,
fa niare lay tamy reo miaramila mpandeha tomboke vaho nirerahe gniereo riha, hanao akore ty hanovanao kize
amity sovaly? Laha mitonta amity tana azo antoke riha, hanao akore ty hataonao agne amity kotrohon'ala egne
agnolo Jordana? Fa na le reo rahalahinao naho reo longo ndranao aza le fa namadike anao vaho fa nanara mafe
anao. Ko matoky iereo, na le mivola zaka soa aminao aza iereo.[7]Fa nagnega ty tragnoko raho; fa nahafoe ty
lovako. Nagnome reo vahoake mamiko tan-tagna reo fahavalone eo raho. [8]Fa ninjare manahake ty liona agne
agnate korohon'ala ho ahy ty lovako; mampipoke ty vatane handietse ahy tamity feone reke, kea halako reke. [9]Tsy
manahake ty voro mpihaza vao ty loka hanagnako, ro handietse iereo voro mpihaza hafa iaby magnodidy?
Mandehana vaho avorio ty biby iaby indeso handrapake iereo reo.[10]Mpiambe agnodry maro ro fa nanimba ty
tanem-boaloboke. Fa nilialiane ty anjara taneko iaby; nanoene tane efetse naho lao ty anjara taneko soa. [11]Nanoe
iereo lao reke. Malahelo aze raho; lao reke. Ty tane iaby le nizare lao iaby, satria tsy nisy na raike aza nanday zay
agnarofo.[12]Reo mpandrava le avy handietse reo toera foa iaby tagnefetse agne, fa ty meso Yaveh le mandevo
bakamity fara ty tane zisikagne amity raike hafa. Tsy misy fiadagna amity tane ty zaka mana gnay aoiaby.
[13]Nambole vare iereo nefa raketa ro nivokatse. Rerake amity asa iereo nefa tsy nahazo na ino na ino. Kea
mimegnara ty amity vokanareo naho ty helo Yaveh."[14]Izao ro tsara Yaveh tamity mpirae belo amiko iaby, ty raty
fagnahy ze nandrava ty hanagna ze nanoeko ho lovae ty Israely vahoako, "Ingo, Iraho iaze toka ze handany iereo
amity tanene, vaho hombotako tsy ho eo amy gniereo ty tragno i Joda. [15]Afara izay le ho lanieko reo firene reo,
vaho hitsetse amy iereo raho vaho hinday iereo hihere; hagnere iereo raho-ty ndaty kiraidraike sambe amity
lovane naho amity tanene.[16]Laha mianatse soa ty fomba ty ndatiko reo firene reo, ka mifanta amity agnarako
'Laha velo kea Yaveh' manahake ty fa nagnanara iereo ty ndatiko mba hifanta amy Bala, le haore agnivoa ty
ndatiko eo iereo. [17]Fa laha misy tsy minjajy le ho lanieko ze firene zay. Izay le ho lanieko vatane vaho horava-izay
ro tsara Yaveh."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 13

[1]Nivola izao tamiko Yaveh tihoe: "Mandehana vaho mivilia aten'akanjo fognoso foty ka afeheo amity agnilanao eo
zay, feie ko atao agnate rano aloha eo zay." [2]Kea le nivily aten'akanjo arake ze nitariha gn'Yaveh ahy raho, vaho
nafeheko tamity agnilako eo zay. [3]Le niavy tamiko fagnidroene ty tsara Yaveh, nanao tihoe: [4]"Rambeso i
aten'akanjo ze baka nivilienao ze agmilanao eo, mitsangana ka mandehana agne amy reo Eofrata. Avonio agnate
haram-bato ao zay."[5]Kea nandeha raho vaho naminy izay tagne amy reo Eofrata arake ze nandilia Yaveh ahy.
[6]Afake andro maromaro, le itsara tamiko Yaveh tihoe: "Mitsangana ka mandehana mihere agne amy reo Eofrata.
Alao agne i aten'akanjo ze nivolagneko havininao oy." [7]Kea nihere tagne amy reo Eofrata raho vaho nagnaly tao i
naminiako i aten'akanjoy. Kanefa ingo! Simba i aten'akanjoy; tsy mba soa sasy re.[8]Bakeo le niavy tamiko ty tsara
Yaveh, nanao tihoe: Mitovy amizay ty fomba hamotehako ty fiavognavogna bevata i Joda naho Jerosalema. [10]O
vahoake raty ze nandietse ty hinjajy ty tsarako o, ze mandeha Zagnahare hafa mba hanompo rey naho hiondreke
amy rey-hanahake ze aten'akanjo zay reo ze soa fe tsy misy dikane. [11]Fa hanahake ty aten'akanjo raike mipiteke
amity taolan-teheza gnodaty, le manahake izay kea ro fa nanovako ty foko Israely naho ty foko i Joda hipiteke
amiko-izay ro tsara Yaveh-mba ho vahoako, mba hinday laza, hasy, vaho haja ho ahy. Feie tsy ninjajy ahy iereo.
[12]Kea tokone hivola ze tsara zao hoe iereo riha tihoe: "Yaveh, iaze Zagnahare Israely le mivola izao: Ty tavoara
iaby le ho feno divae.' Hivola aminao iereo tihoe: 'Feie tsy hainay vatane vao fa ho feno divae ty tavoara iaby?'
[13]Kea le volagno iereo tihoe: 'Hoe Yaveh tioe: Ingo, ho fenoeko hamamoa ty ndaty iaby ahy ty tane toy, reo
mpanjaka ze mitoboke amity seza fiambena ndre Davida eo, reo mpisoro, mpitoky, vaho reo ndaty Jerosalema
iaby. [14]Vaho le hampifamoteheko iereo, reo rae vaho reo anake miarake-izay ro tsara Yaveh-Tsy hamindra fo amy
gniereo raho na hana fitsetsen'arofo, vaho tsy hagnavotse iereo amity fahapoteha raho.[15]Minjajigna ka
mahadrigna. Ko miavognavo, fa Yaveh ro fa nitsara. [16]Magnomeza hasy ho ahy Yaveh Zagnaharenareo mialoha ty
hindaisane ieke, vaho mialoha ty hanohignane ty tombognareo an-bohitse eo amity maikieke. Fa manategna
hazava riha, feie hamalike ty pilasy ho ieke laleke reke, ho raho mainte. [17]Naho izay laha tsy hinjajy riha, le
hitagny raike raho naho ty fiavognavogna. Hanganohano naho hikoiake ranomaso vatane ty masoko, satria
nindevoze agnondry Yaveh reo.[18]Volagno ty mpanjaka naho ty mpanjaka vave renene tihoe: 'Ko mirengerenge
nareo ka mitoboha, fa reo satro-kasy amity lohagnareo eo, le fa nitonta.' [19]Hihily iaby reo tana i Negeva, tsy misy
raike hamoha reo. Hondevoze ty Joda, hatao sesetane ty amine iaby.[20]Asondroto ty masonao ka henteo reo avy
bak'avaratse agne. Aia ty toropin'agnodry ze nameane anao, ty toropin'agnodry ze tena soa tarehe taminao? [21]Ino
ro ho volagnenao lahafa atobo Nagnahare aminao eo reo ze fa nagnanaranao mba ho ragnenao? Tsy reo vao ty
fanomboha reo fanaitagna ze hahazo anao manhake ty ampela miterake?[22]Le mete hivola ampiay riha tihoe:
"Nanao akore ro miseho amiko reo zaka reo?" Le ho amity hamaro reo hadisoanao ro nampiala reo ziponao vaho
nandrava anao. [23]Feie afake ty hagnova ty volon-koline vao ty Kosy, na ty leopard hagnova ty pentene? Laha izay,
le irha vatanao, na le zatse ty haratia aza, le afake manao ty soa. [24]Naho izay le hagnele irey manahake ty lila ze
rava ty tioke ty efetse raho.[25]Izay ro nameako anao, ty anjara ze fa nililieko ho anao-izay ro tsara Yaveh-satria fa
nagnaligno ahy riha vaho nitoky tamam-pitake. [26]Naho izay avao kea le Iraho mihintsy ro hagnafake ty ziponao
aminao, vaho hiseho reo faritse saro-palinao. [27]Fa nahisake ty fagnitsakitsaham-baly naho ty fihetsenao raho, ty
faharatia ty fivarotan-tegnanao tegne amy reo haboa naho tegne amy reo baibo, vaho fa nahisake regne zaka
mampangory regne raho! Loza ho anao, Jerosalema! Zisikombia zane vaho halio ndraike riha?"



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 14

[1]Ezao ty safa gn'Yaveh ze niavy tamy Jeremia mikasike ty hain-tane, [2]"Ao handala ty Joda, ao hiondreke ty
vavahadine. Mibabababa ty amity tane ierreo; miakatse ty toreo iereo ho ahy Jerosalema. [3]Reo mavente
magnirake reo ndevone hila rano. Lahafa mandeha agne amity famorian-drano iereo, le tsy mahisake rano.
Mimpoli-maike iaby iereo; mitako ty lohagniereo ty hegnatse naho fahafaham-baraka.[4]Naho izay le nitsilake ty
tane, satria tsy misy ora tamy taney eo. Reo mpiasa tane le megnatse vaho manako ty loha gniereo. [5]Fa na le ty
diera vave aza magnega ty anane an-baibo agne vaho magnega iereo, satria tsy misy vilone. [6]Ty borike le mijano
agne amity tane maike vaho misekoseko amity tioke manahake ty amboa li. Jembe ty maso gniereo, satria tsy
misy zaka-mitiry."[7]Yaveh, na le mita anay aza ty hadisoagnay, le miasa naho ty amity agnaranao. Fa ty asagnay tsy
am-pinoa le mitombo; fa nandiso taminao zahay. [8]Ty fagnatena Israely, iaze toka ze namonje aze tamity andron-
pijalea ay, nanao akore riha ro manahake ty vahine amity tane, manahake ty vahiny mpiriorio ze miampatse ka
miroro ale ndraike avao? [9]Nanao akore ro manahake ty ndaty tsobo hevetse riha, hanahake ty mpialy ze tsy afake
mamonje na ia na ia? Fa iriha le agnivoa nay eo, Yaveh! Fa natalily taminay eo ty agnaranao. Ko magnega anay.
[10]Ezao ro safagne Yaveh amity vahoake toy: "Satria tea miriorio iereo, le tsy nitanjake ty tombone tamity fanova
izay iereo." Tsy fale amy iereo Yaveh. Amizao mahatiaro ty hadisoa gniereo re, vaho nagnafay ty hadisoane.
[12]Fa laha mifale hane iereo, le tsy hinjajy ty toreone raho, vaho laha manao fagnomeza oroa naho fagnomeza ho
hane gniereo, le tsy hagneke reo raho. Fa handany iereo amity meso, kere, vaho arete-mandany raho."[13]Le hoe
raho tihoe: "Kenefa, Yaveh Tompo! Ingo! Reo mpitoky manao amity ndaty tihoe: 'Tsy hahisake meso nareo; tsy
hisy kere ho anareo, satria hagnomey filamina mare ho anareo amity pilasy toy raho.'" [14]Le hoe Yaveh tamiko;
"Reo mpitoky le naminany amam-pitake amity agnarako. Tsy nagnirake iereo, na nagnomey lily iereo na nivola
tamy iereo raho. Fa fahisaha vande naho zaka-foa, fitokia tsy mare bakamity saim-patagniereo ro hitokiane
aminareo."[15]Naho izay le izao ro safagne Yaveh: "Mikasike ty mpitoky nitoky amity agnarako nefa tsy niraheko-
reo ze mivola fa tsy hisy meso na kere amity tane toy: Reo mpitokine reo le harava amity meso naho kere. [16]Vaho
reo ndaty ze nitokiene le hatorake egne amy reo lala i Jerosalema naho ty kere naho meso, fa tsy hisy na raike aza
handeve iereo-iereo, reo valine, reo anane lahy, na reo anak'ampelane-fa handrarake ty haratia iereo amy iereo
eo raho.[17]Volagno amy iereo ze tsara zao: 'Ao ty ranomasoko handipotre ty masoko andro aman'ale. Ko enga
hijano iereo, fa hisy harava bevata ho ahy ty anak'ampela mboe tsy mahavany lahy ty ndatiko-fere bevata vaho
tsy hae sitragne. [18]Laha miboake ho agne an-baibo raho, le ingo reo ze mate ty meso! Laha avy amity tana raike ao
raho, le ingo ty arete ze avy bakamy kere. Na ty mpitoky na ty mpisoro le hiriorio amity tane eo iaby, vaho tsy
hahay iereo.'"[19]Fa nandietse vatane ani Joda vao riha? Halanao vao ty Ziona? Nanao akore riha ro hampijale anay
lahafa tsy misy fagnasitragna ho anay, nagnategna fiadagna zahay, fa tsy nisy zaka vagno-vaho ho ahy ty fotoa
fagnasitragna, nefa ingo, horohoro avao ro misy. [20]Magneke zahay, Yaveh, reo fandikanay lily, ty hadisoa reo
razagnay, satria fa nandiso taminao zahay.[21]Ko liere zahay! Fa naho ty amity agnaranao, le ko magnalabaraka ty
seza fiambenanao be hasy. Tadidio vaho ko magnafoa ty fagnekeanao taminay. [22]Feie vao misy amy reo aoly ty
firene ro mahavita mampipoke ranon'ora ty lagnitse? Yaveh Zagnaharenay, feie vao tsy iriha iaze tokay, ro manao
izao? Magnategna anao zahay, satria iriha ro fa nanao ze iaby zao.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 15

[1]Le hoe Yaveh tamiko tihoe: "Na le Mosesy na Samoela aza ro nitsanga tagnoloako eo, le tsy mboe hagneke ty
vahoake toy raho. Roaho hiala agnoloako eo iereo, mba handehana gniereo. [2]Vaho le hivola aminao iereo tihoe:
'Aia ro tokone handehananay?' Le tsy maintsy hivola amy iereo riha tihoe: 'Ezao ro safagne Yaveh: Reo voalahatse
ho mate le ho mate, reo voalahatse ho ahy ty meso le ho mate aman-meso. Reo voalahatse ho ahy ty kere le ho
mate ty kere; vaho reo voalahatse ho amity fagnadevoa le ho ndevo.'[3]Fa ho filieko ho vondro efatse iereo-izay ro
safagne Yaveh-ty meso le hamono ty ilane, amboa reo hitaritarike ty ilane, reo voro ty lagnitse naho reo biby ly ty
tane handevo vaho hamoteke ty ilane. [4]Hanoeko zaka mampikolontsa any reo fanjaka ty tane iaby iereo, naho ze
zaka nanoe ndre Manase ana ndre Hezekia, mpanjaka i Joda, tagne Jerosalema.[5]Fa ia ro hiferegnay anao,
Jerosalema? Ia ro halahelo anao? Ia ro hihere hagnotane mikasike ty toe-bata nao? [6]Nahafoe ahy riha-izay ro
safagne Yaveh-fa niala tamiko riha. Kea hamango anao amity tagnako raho vaho hamoteke anao. Vozake ty
miferegnay anao raho. [7]Ka le ho kororoheko amity fikororoha amy reo vavahady ty tane iereo eo. Hampijale
iereo raho. Hamoteke ty vahoakoraho satria tsy hiala amity lalane iereo.[8]Hanoeko maro naho ty faseke egne
agnoro-driake ty mpindaim-bata gniereo. Handefa ty mpnadrava amity atoandro amy reo renen-ajiahy raho.
Hampipoke horohoro naho tahotse tampoke amy iereo raho. [9]Ty rene ze niterake kolo fito le handala. Hiala ay
reke. Ty masoandrone le hilenteke laha mboe atoandro igne. Ho afabaraka naho megnatse re, fa hameako
agnoloa reo fahavalone reo eo ze sisa velo tamity meso-izay ro fitalilia Yaveh."[10]Loza ho ahy, roeneko! Fa
nisamake ahy riha, iraho ze lahilahy ty adihevetse naho fandresean-dahatse magnera ty tane iaby. Tsy mana ho
ampidrame raho, vaho tsy nisy ndaty nampindra ahy, nefa magnozo ahy iereo iaby. [11]Hoe Yaveh: "Tsy hamonje
anao amity soa vao raho? Hanoeko mangatake vonje amity andro ty loza naho fijalea vatane reo fahavalonao.
[12]Mahapoteke vy vao ty ndaty? Lehe tsie fa ty vy bakagne avaratse ze miharo varahy?[13]Hameako reo fahavalonao
ho ndevo maimaim-poa ty hanagna naho zaka sarobilinao. Hanoeko izay naho ty hadisoa iaby nanoenao tagnate
ty faretanenao iaby. [14]Le hanoeko manompo reo fahavalonao agne amity tane ze tsy hainao riha, fa hirearea ty
afo, handrehetse ty heloko aminao."[15]Yaveh, iriha mahay! Tadidio raho ka vonjeo. Manaova valefate ho ahy amy
reo ze magnejeke ahy. Mahare-pere riha, nefa ko enga hangalake ahy iereo; haio fa mijale amity fagnalabaraka
naho iriha raho. [16]Fa hisake reo safanao, vaho tsinakotsakoko reo. Reo safanao le nizare hafalea ho ahy vaho
hafalea ty foko, fa minday ty agnaranao raho, Yaveh, Zagnahare Tompo ty maro.[17]Tsy nitoboke tamity farebola
gniereo ze nakalaza na nifale raho. nitoboke raike raho naho ty tagnanao mafe, satria nifenoenao siake raho.
[18]Nanao akore ro mitohy ty fanaitagnako vaho tsy misy fagnafoline ty fereko, mandietse ty ho afahe? Hanahake ty
rano mamitake amiko vao riha, rano ze ritse?[19]Kea izao ro safagne Yaveh; "Laha mifona riha, Jeremia, le
hahereko ndraike, vaho hitsanga agnoloako eo riha ka hanompo ahy. Fa laha manarake ty zaka gegegege amy reo
zaka sarobily riha, le hanahake ty vavako riha. Hihere aminao ty vahoake, nefa iriha le tsy hihere amy iereo.
[20]Hanoeko manahake ty manda varahy tsy azo ilira ho ahy ty vahoake toy riha, vaho hananga aly aminao iereo.
Nefa tsy handresy anao iereo, satria miarake anao raho mba hamonje naho hagnavotse anao-izay ro fitalilia
Yaveh-[21]fa hamonje anao amity tagna ty raty fagnahy raho vaho hagnavotse anao amity tagna ty mpanao lily
mafe."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 16

[1]Vaho niavy tamiko ty tsara Yaveh, nanao tihoe: [2]"Ko mangala-baly ho ahy ty vatanao, vaho ko miterake lahy na
vave amity vatanao amity toera toy. [3]Fa Yaveh nitsara izay tamy reo anake lahynaho anak'ampela ze terake
tamity toera toy eto, tamy reo rene ze ninday iereo, naho tamy reo roae ze nahavy iereo ho terake ambone ty tane
toy eto, [4]Ho mate amity aretem-pahafateza iereo. Tsy hitagnia iereo na haleve. Hizare manahake ty zezeke amity
tane iereo. Fa amity alala ty meso naho ty kere ro hiafara gniereo, vaho ty fate gniereo le hizare hane ho ahy reo
voro ty lagnitse naho reo biby ty tane.'[5]Fa niavy tamiko ty safa Yaveh, nanao tihoe: "Ko militse amity tragno ze
misy fitagnia. Ko mandeha mba hitagny na haneho fiferenaisa ho ahy iereo, fa fa nafahako tamy ze vahoake zay
ty fiadagnako, ty fiteavako tsy miova naho ty fitsetsen'arofoko-izay ro fitalilia Yaveh. [6]Ty bevata naho ty kele le
sambe ho mate amity tane toy eto. Tsy haleve iereo, vaho tsy hisy na raike aza hitagny iereo na hanampake ty
vata gniereo na nahafere ty lohane hoe iereo.[7]Ao tsy hisy na ia na ia hizara hane amity fandala mba hampiono
iereo naho reo havilasy, vaho ao tsy hisy hagnomey vango fampionogna ho ahy ty raene na hop ahy ty renene
mba hampiono iereo. [8]Ao riha tsy ho agne amity tragno fangataha mba hitoboke hiarake amy iereo mba hihina
na hino.' [9]Fa Yaveh tompo ty maro, Zagnahre Israely, nanao tihoe: 'Ingo, agnoloa ty masonareo eto, andrognareo
vaho amity toera toy, hampijano ty feo ty fifalea naho ty feo ty hafalea raho, ty feo ty mpagnakatse naho ty feo ty
ampakare.'[10]Vaho iriha hinday reo tsara iaby reo amity vahoake retoa amy ze andro zay, vaho hivola aminao
iereo tihoe: 'Nanao akore ro nandily ti loza bevata iaby handiera antika toy? Ino ro hadisoagnay naho helognay
ze nandisoanay tamy Yaveh Zagnaharetinka? [11]Kea volagno iereo tihoe; 'Satria nagnenga ahy reo razagnareo-izay
ro fitalilia Yaveh-vaho nimbagny amity Zagnaharen-kafa iereo vaho nanompo naho niondreke tamy iereo. Le
nagnenga ahy iereo vaho tsy nitanjake ty liliko.[12]Feie ty vatagnareo le fa ninday haratia maro naho reo
razagnareo, kea ingo, sambe nandeha tamity hamafesandoha ty ndaty kiraidraike arake ty fo ratine; tsy misy na
raike aza minjajy ahy. [13]Kea hafahako amity tane toy eto ho agne amity rane ze tsy mboe hainareo na reo
razagnareo, vaho hanompo reo Zagnahare hafa andro aman'ale agne nareo, fa tsy hagnome fagnekea ho anareo
raho.'[14]Ka naho izay, ingo, avy vaho ty andro-ezao ro fitalilia Yaveh-lahafa tsy ho volagne sasy tihoe: [15]"Laha mboe
velo kea ty Yaveh, iaze ninday ty vahoake Israely bakagne amity tane Egypta.' Ty hoe: 'Laha mboe velo kea ty
Yaveh, iaze ninday reo vahoake Israely bakagne amity tane avaratse naho vakagne amy reo tane ze fa nagneleza
reo.' Fa hahereko agne amity tane ze nameako ty razagne iereo.[16]Ingo! Handefa mpagnarato maro raho-ezao ro
fitalilia Yaveh-ka hagnarato reo ndaty iereo. Afara gnizay le handefa mpihaza maro raho mba hanente ho ahy
iereo egne amity vohitse naho haboa iaby, vaho egne an-gnelegnela ty haram-bato iereo. [17]Fa ty masoko le ho
egne amity lala gniereo iaby; tsy afake ty hiviny agnoloako eo iereo. Tsy afake ty hiviny agnoloako eo iereo. Tsy
afake ty hiviny agnoloa ty masoko eo ty hadisoa gniereo. [18]Hagnonetse roe ambone ty heloke naho ty hadisoa
gniereo ho ahy ty fandotoa gniereo ty taneko tamity aoly malotogn'iereo aloha raho, naho ty famenoa gniereo
aoly mampangory ty lovako."[19]Yaveh o, Iriha ro fiarovako mafe naho fialofako, toera azoko antoke amity androm-
pijalea. Ho aminao agne reo firene bakagne amity fara ty tane vaho hivola tihoe: 'nandova fitake vatane ty
razagnay. Foa iereo; vaho tsy ahisaha tombotsoa amy iereo ao. [20]Manao Zagnahare ho ahy ty vata gniereo vao ty
ndaty? Kanefa tsy Zagnahare iereo.' [21]Naho izay ingo! Hampahafantareko iereo amy ze andro zay, hanoeko hay
iereo ty tagnako naho ty hereko, ka ho hay iereo fa Yaveh ty agnarako.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 17

[1]"Voasoratse tamity sitilo vy mana tendro diamondra ty hadisoa i Joda. Voasokitse amity taratasy ty fo gniereo eo
naho eo amity tandro reo alitaranao zay. [2]Na le ty ana gniereo aza le mahatiaro reo alitarane naho reo
baon'Aserahany ze teo agnila ty hetae misandrahake naho tambone ty haboa abo.[3]Tam-bohiko tao amity tana
malalke ty baon'Aseraha. Ty hanagnanareo naho reo zaka sarobilinareo iaby le hameako manahake ty ndevo,
miarake amity toera abognareo, naho reo hadisoa nanoenanreo tamity faretanenareo iaby. [4]Ho tsobo ty lova ze
nameako anareo. Hataoko ndevo reo fahavalognareo ao amity tane ze tsy hainareo nareo, fa nareo le fa
nandrehetse afo amity heloko, ze hirehetse zisikagne."[5]Hoe ty Yaveh: "Voaozo ty ndaty ze matoky olombelo;
manao ty nofone ho herene re nefa mampivio ty fone amy Yaveh. [6]Fa hanahake ty korohotse kele Araba aonre
vaho hahisake zaka soa ho avy. Hijano agne amity toeram-batolampy agnefetse agne re, tane karakay tsisy ndaty.
[7]Nefa voatahy ty ndaty ze matoky ani Yaveh, fa Yaveh ro anto ty fahatokiane. [8]Fa hanahake ty hetae nambole
tegne agnoloan-drano re, hisandrahake magnamoro ty riake reo fakane. Tsy hatahotse ty hafana re laha avy zay,
fa reo ravene le maintso zisikagne. Tsy magnahy amity tao ty hain-tane re, vaho tsy hijano hamoa re.[9]Mamitake
mihoatse ty zaka iaby ty fo. Marae zay; ia ro afake hahatakatse izay? [10]Iraho Yaveh, iaze magnete ty an-tsay ao,
iaze mitsapa reo fo. Magnome arake ty fomba ty ndaty kiraidraike raho, arake ty voka reo asane. [11]Mikotreke ty
atoly ze tsy napo ty tsipohy. Mete hizare manakarea tsy ara-drarene ty ndaty, nefa lahafa misasake ty andro
ianane, le hagnenga iereo mamakarea reo, vaho am-parane agne le hizare gege re."[12]"Ty seza ty tempolinay le
seza fianbena be hasy, nankare zisikagn'amboalohane. [13]Yaveh ro fagnatena Israely. Ho megnatse reo iaby ze
magnega anao. Reo ao amity tane ze niala taminao le ho sorate amity lemboke. Satria magnega ani Yaveh iereo,
iaze loharano ty rano velo. [14]Sitragno raho, Yaveh, le ho sitra raho! Vonjeo raho, le ho voavonje raho. Fa iriha ro
antsa fiderako.[15]Ingo, hoe iereo tamiko: "Aia ty tsara Yaveh? Engaho zay ho avy!' [16]Laha ty amiko, tsy niala tamity
maha mpiarak'agnondry anao raho, tsy nitiry ty andro ty loza raho. Hainareo reo fitalilia bakamity vavako.
Natao teo amity fagnatrehanao rey.[17]Ko mampatahotse ahy. Iriha ro fialofako amity andro ty loza. Lonike ho
megnatse reo mpagnejeke ahy, nefa ko enga ho megnatse raho. [18]Ao iereo hatahotse, fa ko enga hatahotse raho.
Alefaso amy iereo ty andro ty loza vaho potepoteho amity anjara loza abo roe vatane iereo."[19]Ezao ro nisafagne
Yaveh tamiko: "Mandehana vaho mitsangana amity vavahady vahoake ze hilira iereo mpanjaka i Joda naho
iboaha gniereo, vaho bakeo amity vavahady hafa ani Jerosalema iaby. [20]Volagno iereo tihoe: 'Njanjigno ty tsara
Yaveh, mpanjaka o Joda naho nareo vahoa i Joda iaby, vaho ty ndaty i Jerosalema ze mandrio amy reo vavahady
reo.[21]Ezao ty Safa Yaveh:" Ambeno ty fiaignareo ko minday enta-mavesatse amity andro masy le hinday zay
mbaeo amireo vavahady i Jerosalema. Ko minday enta miakatse ty tragnonareo amity andro masy. [22]ko manao
asa na ino ino, fa atokano ty andro masy, ty manahake ty nandiliako reo razagnao hatao." [23]Tsy nijano na niambe
iereo, fa nagnamafe ty hatone mba tsy hahareizane ahy na hagnenke fagnaliloa.[24]Hiseho zao laha mijano ahy
vatane nareo__ezao ty fagnombara Yaveh__naho ko minday enta mbaeo amireo vavahady ty tana amity andro
masy fa tokone atokano hoahy Yaveh ty andro masy naho ko manao asa na ino ino amizay, [25]naho reo mpanjaka,
roandria, vaho reo ze mitoboke amity sezan-droandria i Davida le ho mbaeo amireo vavahady ty tana toy amity
kalese miarake amity soavale, iereo vaho mpitarike aze reo, ty lahilahy Joda vaho ty vahoake i Jerosalema, naho
ty tana toy le hitoboha zisikagne.[26]Iereo le ho avy agne amity tana i Joda vaho amity magnodidy i Jerosalema,
amity tane i Benjamina vaho reo faritse gebo, avy agne amity vohitse, naho avy agne Negeva, hinday reo
fagnatetse oroa vaho reo soro, fagnatetse voane vaho diten-ketae magnitse, fagnate-pisaora antragno Yaveh ao.
[27]Nefa laha tsy mijano ahy nareo__ty amity fanokana ty andro masy vaho ty tsy findaisa enta-mavesatse naho ty
tsy filira amireo vavahady i Jerosalema amity andro masy__le handrehetako afo eo amireo vavahadine, ka
handrava ty manda i Jerosalema zay, naho tsy ho vonoe zay."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 18

[1]Ty rehake ze niavy tamy Jeremia bakamy Yaveh, manao ty hoe:" [2]Mitsangana naho miakara ao antragno ty
mpanefe tanemanga, fa agne ro hampahareizeko anao ty rehako." [3]ka nimbaeo antragno ty mpanefe tanemanga
raho, naho ingo! Ty mpanefe le niasa teo amity larone. [4]Te simba tegne antagnane ty velagne tanemanga ze
vinetsevetsene, ka niova dineke re naho nanao zaka hafa toe soa tamasone eo.[5]Le niavy amiko ty safa Yaveh,
nanao ty hoe: [6]"Tsy afake manao manahake ty ataognio mpanefe eo aminareo vao raho, ry fokogn'i Israely?
__ezao ty fagnombara Yaveh. Ingo! Manahake ty tanemanga antagna ty mpanefe eo__le hoe izay nareo antagnako
eo, ry fokogn'i Israely. [7]Amity andro raike, le mete hanogno zaka ho ahy ty firene na fanjaka raike raho, mba
hagnakarako, handravako, na hamotehako zay. [8]Te laha midiso amity haratiane ty firene ze nanovako zay
fagnombara zay, le hita ty loza ze vinognoko ho enteko amizay eo raho.[9]Amity andro hafa, le mete hagnombara
zaka miomba ty firene na fanjaka raike raho, fa hagnore na hambole zay raho. [10]Te laha manao raty amasoko eo
re amity tsy fidranogna ty feoko, le hajanoko ty soa ze nirehafeko fa ho natao amy iereo.[11]Naho henanekezao,
mirehafa amity ndaty i Joda vaho amity vahoake i Jerosalema ka ambarao ty hoe:' Ezao ty safa Yaveh: Ingo,
hidineke loza ho anareo raho. Tefa mamoro hevetse handiera anareo raho. Mivavaha, amity fomba ratine ty
ndaty kirai-kiraike aby, le hinday soa ho anareo reo fomba nareo vaho reo fataognareo.' [12]Fa hirehake iereo ty
hoe:' Tsy misy ipaia aze zay. Hanao arake ze hevegnay arere zahay. Ty kirai-kiraike iaby aminay le hanao ze
fagnirian-draty ty arofone.'[13]Laha izao le ezao ro safagn'i Yaveh:' Agnotaneo reo firene, ia ty fa naharey zaka hoe
izao? Tefa nanao asa raty ty Israely verijine. [14]Feie vao ty havandra agne Libanona tefa nienga ty tazoam-bato
agnilane eo? Feie vao ty dogom-bohitse bake lavitse tefa rava, reo riana mamanala?[15]Tefa nagnaligno ahy ty
vahoakeko. Nanao fagnatetse ho ahy ty zaka-foa tsy misy antone iereo naho nanoe ho voa tegne amity lala iereo;
nienga reo lalane taloha iereo ho amity lala tsiampe-ampe kea. [16]Hinjare tahotse ty tanegn'iereo, ho azo ty tiotioke
zisikagne. Iaby ze mandrio amine eo le hiholiboro vaho hagnifikifi-doha. Hizara iereo agnoloa ty fahavalone eo
manahake ty tioke antignana raho. [17]Hanoro ty lambosiko iereo raho, fa tsy ty vatako, amity andro ty loza
gniereo.'"[18]Kea hoe ty vahoake tamy Jeremia: "Magnatogna, ao tika hanao teteke handiera andre Jeremia, fa tsy ho
rava ty lily bakamireo mpisoro, na ty toro-hevetse bakamy reo ndaty hendre, na reo vola bakamy reo mpitoky.
Magnatogna, ao tika hanafike iereo amy reo safatinka vaho tsy hiambe ze ataliline sasy." [19]Minjajigna ahy, Yaveh,
vaho njigno ty feo reo fahavaloko. [20]Feie vao ty loza bakamy iereo vatane ro valesoako tamity hasoam-pagnahiko
tamy iereo? Fa nihaly lavake ho ahy iereo. Tadidio ty nitsanganako tagnoloanao mba hivola ty fifagnampea
gniereo, mba hampiala ty siakenao amy iereo.[21]Naho izay le anovo avy amy gniereo anane ty kere, vaho ameo an-
tagna iereo ze mampiasa meso eo iereo. Kea engaho ty ampela gniereo hidofom-pijalea naho ho mpianday vata,
vaho ty lahilahine ho voavono, vaho reo ajiahine ho mate ty meso agnaly agne. [22]Ao ho re baka ao amity tragno
gniereo ty koram-pijalea, manahake ty hindaisanao mpanafike handietse iereo tampoke. Fa fa nihaly lavake
hisambora ahy iereo vaho nanafike fandrike ho ahy ty tomboko. [23]Fa iriha, Yaveh, iriha mahay ty drafy gniereo
iaby amiko mba hamonoane ahy. Ko magnenga reo hadisoa naho fahota gniereo. Ko mamafa ty hadisoa gniereo
hiala aminao. Fa kea, ao iereo ho rava agnoloanao. Mihetseha handietse iereo amity fotoa ty siakenao.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 19

[1]Ezao ro safagne Yaveh: "Mandehana vaho mivilia tavoara tanemanga ty mpanefe tanimanga laha miarake amy
reo roandria reo vahoake naho reo mpisoro riha. [2]Le miboaha agne amity baibo i Ben-Hinoma agne amity filira
ty vavahady ty velagne vaky, vaho atililio ap ty tsara ze ho tsaraeko aminao. [3]Talilio tihoe: 'Njanjigno ty safa
Yaveh, mpanajaka i Joda naho ndaty i Jerosalema! Yaveh Tompo ty maro, Zagnahare i Israely, mitsara ezao: "Ingo,
vaho iraho le hinday loza amity toera toy, vaho ty sofy gniereo iaby ze mahare zao le hangotsokotsoke.[4]Hanao
izay raho satria nafoe gniereo raho vaho tsy nasiane dikane ty toera toy. Amity toera toy ro agnomeza gniereo
soro ho ahy reo Zagnaharen-kafa ze tsy haine. Iereo, reo razagne, vaho ty mpanjaka ty joda avao kea le fa
nameno lio ty tsy manan-tsiny tamity toera toy. [5]Nagnore reo toera abo i Bala iereo hagnoro amity afo ty anake
lahy iereo ho fagnatetse oroa ho aze reke-zaka ze tsy nolilieko na tinognoko, na kea nilitse tan-tsaeko ao.[6]Kea,
ingo, ho avy ty andro-zao ro fitalilia Yaveh-lahafa tsy ho kaihe sasy tihoe Tofeta ty toera toy, iaze baibo i Ben-
Himonay, fa hinjare baibo ty famonoa zay. [7]Eto amity toera toy ro hanovako reo vetsevetse ndre Joda naho
Jerosalema ho tsy misy ila aze. Ho anoeko ho tonta ty meso agnoloa reo fahavalone iereo vaho ty tagna gniereo ze
mila ty aine iereo. Le hameako ho hane ty voro egne amity lagnitse naho ty biby egne amity tane ty fate gniereo.
[8]Le hanoeko ho faharava naho zaka kifiritse ty tana toy, kea ze iaby mandrio amizay eo le hangitikitike naho
hibisibisike mikasike ty arete mandany iaby. [9]Hampihinaneko ty nofo gnireo anane lahy naho reo anane vave
iereo; ty ndaty kiraidraike le hihina ty nofo ty mpiara mivelo amine amity faherano eo vaho amity fangirifiria ro
hinday iereo amity fahavalone naho reo mila ty aine."'[10]Le ho vakienao amaso reo lahilahy eo ze niarake taminao
ty tavoara tanemanga. [11]Hivola amy iereo riha tihoe: 'Ezao ro volagne Yaveh Tompo ty maro: "Hanao zaka mitovy
manahake ze amity vahoake toy naho ty tana toy raho-izay ro fitalilia Yaveh-manahake ty nampipotepoteha ndre
Jeremia ty tavoara tanemanga ro tsy nahafaha magnamboatse izay ndraike. Handeve ty mate agne Tofeta ty
ndaty mandra-paha tsy misy toera hafa handevegana reo mate sasy.[12]Manahake izay ro hanovako ty pilasy toy
naho reo ndatine laha hanao ty pilasy toy manahake ani Tofera raho-izay ro fitalilia Yaveh- [13]kea ty tragno i
Jerosalema naho reo mpanjaka i Joda le ho avy manahake ani Tofeta- reo tragno iaby ze misy tampo-drano
hidera ty ndaty maloto ty kinta iaby egne amity lagniste vaho andrarahane fagnatetse nome ho ahy reo
Zagnaharen-kafa."'[14]Le niavy bakagne Tofeta ty Jeremia, ze nagniraha Yaveh aze mba hitoky. Nitsanga tamity
kianja ty tragno Yaveh reke vaho nivola tamity ndaty iaby tihoe: [15]"Izay ro talilie Yaveh Tompo ty maro,
Zagnahare Israely tihoe: 'Ingo, hinday amity tana toy naho ty renevohine iaby ty loza iaby ze fa nataliliko tamy
zay raho, tefa nagnamafe ty hato gniereo vaho nilietse tsy hinjajy ty safako."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 20

[1]Pasora ana ndre Imera mpisoro-manan-kasy mpitarike reke-le naharey andre Jeremia nitoky reo tsara reo
tagnoloa ty tragno Yaveh. [2]Kea nivangoe ndre Pasora ty Jeremia mpitokine vaho bakeo natobone tamy reo hetae
fagnagadra ze tamity vavahady Ambone i Benjamina tamity tragno Yaveh.[3]Vaho naboa ndre Pasora tamity hetae
fagnadra ao ty Jeremia ty andro magnarake. Le hoe Jeremia tamine: "Tsy nikaike ty agnaranao hoe Pasora ty
Yaveh, fa Magoramisabiba riha. [4]Fa izao ro tsara Yaveh: 'Ingo, ho anoeko zaka mampatahotse riha, le iriha naho
reo ndaty teanao iaby, fa ho tonta ty meso reo fahavalone gniereo vaho hahisake izay ty masognao. Hameako an-
tagna ty mpanjaka Babylona eo ty Joda iaby. Hoanoene ndevo agne Babylona iereo na ho tafihene amity meso.
[5]Hameako aze ty hanagna ty tana toy iaby naho ty hanagnane iaby, ty zaka-lafovily izay iaby naho ty hanagna ty
mpanjaka ty Joda iaby. Hatoboko egne an-tagna reo fahavalonao reo zaka reo, ka hinjare e iereo zay. Hangalake
irey iereo ka hinday reo agne Babylona. [6]Nefa iereo, Pasora, naho reo mitoboke an-tragno nao ao iaby le hinjare
ndevo. Handeha agne Babylona riha ka ho mate agne. Iriha naho reo ndatinao iaby ze nitokienao zaka vande le
ho aleve agne.'"[7]"Namitake ahy riha, Yaveh, vaho voafitake raho. Mafe naho iraho riha, vaho mandrese ahy riha.
Ninjare fihehea zisike ty andro feno raho, magnaraty ahy ty ndaty iaby. [8]Fa isake ty nivola raho, le nikaike mafe
raho vaho nitalily tihoe: 'Hereloha naho fandrava.' Vaho barake naho fagnaratia ho ahy isan'andro ty tsara Yaveh.
[9]Laha mivola raho tihoe: "Tsy handineke ty mikasike Yaveh sasy raho.' Tsy hivola amity agnarane sasy raho.'
Vaho manahake ty afo am-gnarofoko ao zay, voatanjake agnate ty taolako ao. Kea mialy mba hitanjake izay raho
feie tsy nahavita.[10]Nahare ty tsiko reo mpampatahotse bakamity ndaty iaby magnodidy raho.'Indeso! Tsy maintsy
indesetika zay!' Reo ze marikitse ahy le mandrendreke mba hanente laha mitonta raho.' Mete ho azo fitahe reke.
Laha izay, le afake mandrese aze tika vaho hanao ty valefaten-tika amine.' [11]Fa miarake ahy manahake ty mpialy
mafe Yaveh, ka hivembe reo ndaty ze magnejeke ahy. tsy handresy ahy iereo, tefa ty hanjare. Ho megnatse tsy
hana-pijanogna iereo, tsy ho haligno zisikagne zay.[12]Nefa riha, Yaveh Tompo ty maro, iriha ze mandineke ty
fahitia naho ze mahisake ty say naho ty arofo. Engaho raho hahisake ty valefatenao amy iereo fa naneho ty zaka
nisy taminao raho. [13]Miantsa ho ahy Yaveh! Midera ani Yaveh! Fa fa namonje ty ay iereo ze nampijale tegne an-
tagna reo mpanao raty reke.[14]Ao ho ozogne ty andro niterahako. Ao tsy ho tahie ty andro ze nindaisa ty roeneko
ahy. [15]Ao ho ozogne iaze lahilahy ze nampahaie ty roaeko, iaze nivola tihoe: 'Misy kolo lahy naterake ho anao',
hiterake fifalea bevata.[16]Ao ze lahilahy zay hanahake reo tana ze nirobahe Yaveh ka tsy nanagnane tsetse. Ao reke
hinjajy ty kaike vonje amity mangara-tignana, naho ty tagny ty aly amity atoandro, [17]satria tsy namono ahy
tantsoke ao reke, nanao ty roeneko ho kiboriko, le tsoke ze nitobohan-kolo zisikagne. [18]Nanao akore ro niboake
tan-tsoke ao raho mba hagnente fijalea naho alahelo, mba ho feno hegnatse reo androko?"'



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 21

[1]Ty tsara ze niavy tamy Jeremia bakamy Yaveh lahafa nandefa andre Pasora anake lahy Malkia naho i Zefania anake lahy Mahasela mpisoro tamine agne ty Zedekia mpanjaka. Le hoe iereo tamine: [2]"Mangataha hevetse amy Yaveh ho anay, fa mananga aly aminay ty Nebokadnezara mpanjaka i Babylona. Hanao reo mahavere ho anay vasa Yaveh, manahake ty tamity andro taloha, kea hampiala aze aminay eo."[3]Ka hoe Jeremia tamy iereo: " Izao ro tsy maintsy volagnenareo andre Zedekia, [4]'Yaveh, Zagnahare Israely, mivola izao: "Ingo, hagnere reo fiasa mpialia ze an-tagnanareo eo raho, niarake amy ze nialia reo handietse ty mpanajak i Babylona naho reo Kaldeana ze nagnato anareo bakagne amonto reo manda! Fa hamory iereo ho agnivoa ty tana toy. [5]Le iraho vatako ro hialy aminao miarake amity tagna mihitsy naho vata mafe, naho miarake amity halagigne, siake, vaho heloke bevata. [6]Le hanafike reo ndaty ty tana toy raho, na ty ndaty na ty biby. Ho mate amity arete mandany vatane iereo. [7]Afaragn'izay__ezao ty fagnombara Yaveh__Zedekia mpanjaka i Joda, reo mpanompone, ty vahoake, vaho reo ze mijano eto amity tana toy afara ty arete mandany, ty meso, naho ty kere, le homeiko ho antagna i Nebokadnezara mpanjaka i Babylona iereo iaby, vaho antagna ty fahavalone, naho eo antagna ty iankina ty arofo gniereo. Le hamono iereo amity lela meso re. Tsy hiferegnay iereo re, tsy hamototse iereo, na hisy faritsiha.'[8]Naho ao ho rehafenao amio vahoake io ty hoe:' Ezao ty safa Yaveh:" Ingo, hapetrako magnoloa anareo ty lala ty fiaigna vaho ty lala ty fahafateza. [9]Ze mijano amity tana toy le ho mate ty meso, kere naho ty arete mandany; fa ze miakatse le mitonta eo amity ongone agnoloa reo Kaldeana ty nanao faherano anao le ho velo. Hilay miarake amity fiaine re. [10]Te fa niambe ty vatako handietse ty tana toy raho mba hinday loza fa tsy hinday soa__Izay ty fagnombara Yaveh. Tefa natolotse antagna ty mpanjaka Babylona eo naho ho oroa zay.'[11]Janogno ty safa Yaveh mikasike ty foko ty mpanjaka i Joda. [12]Ry foko i Davida, hoe ty Yaveh:" vitao ty mare amity maray. Vonjeo egne antagna ty mpampijale ze voaseresere, fa hinjare hiakatse manahake ty afo ty heloko le hagnoro, naho tsy hisy na raike aza le ho mete hamono zay, noho reo asa ratinao.[13]Ingo, ry vahoake ty baibo! Mandietse anao raho, ry vato ty gebo__ezao ty fagnombara Yaveh__Izaho le mandietse iaby ze manao ty hoe:" Ia ty hizotso hanafike anay?" na ty hoe:" Ia ty hilitse antragnonay ao?" [14]Nitondro ty voka ty asanao ho avy handietse anao raho__izay ty fagnombara Yaveh__naho handrehetse afo agne amity alabey raho, naho handrava iaby ze magnodidy zay."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 22

1Ezao ty safa Yaveh:" Mizotsoa agne antragno ty mpanjaka i Joda naho atalilio agne ze safa zao. 2Atalilio ty hoe:'
Ry mpanjaka i Joda, janogno ty safa Yaveh__riha ze mitoboke eo amity sezan'droandria i Davida__riha, vaho reo
mpanomponao, naho vahoakenao reo ze mandrio eo amy vavahady reo. 3Ezao ty safa Yaveh:" Manaova ty mare
vaho ty hamarea, naho ze voaseresere__vonjeo egne antagna ty mpampijale re. Ko manao hevetse raty amity
mbahiny, na bode, na mpivem-bata na mampiten-dio ty tsy manantsiny amity toera toy.4Te laha manao reo zaka
reo vatane riha, le hilitse eo amity vavahady ty tragno toy hitikitse kalese vaho soavale reo mpanjaka mitoboke
eo amity sezan-droandria i Davida, re, reo mpanompone, naho ty vahoakene! 5Fa laha tsy midranjy reo rehake
bakamiko te le fa nambarako reo riha__izay ty fagnombara Yaveh__le ho lasa_rava ty tragno i mpanjaka toy."'6Te
izao ty safa Yaveh mikasike ty tragno ty mpanjaka i Joda:' Iriha le mitovy amy Gileada, na manahake ty dongo i
Libanona te amiko. Na izay aza havaliko tane efetse riha, ho tana tsy misy mpitoboke. 7Te fa nanendre reo
mpandrava hoavy handietse anao raho! Handily reo sederanao soa vatane reo lahilahy miarake amity zaka-
fialiane naho hienga iereo hitonta agnate afo.8Naho firene maro ro nandrio amity toera toy. Hifampirehake amity
eo agnilane ty kirai-kiraike ty hoe:' Nagnino ro nanao izao tamity tanam-bey toy ty Yaveh?" 9Naho hamale ty hafa
ty hoe:" Satria nahafoe ty fagnenkea Yaveh Zagnaharene iereo, naho nihohoke tamireo Zagnahare hafa vaho
nanompo iereo."10Ko mitagny ze mate, na mandala aze; fa mitagnia ho ahy ze hindeha lavitse, satria tsy hihere
sasy re naho tsy hahisake ty tanendrazane sasy.'11Te izao ty safa Yaveh miomba i Jehoaza anadahign'i Josia
mpanjakan'i Joda, ze nanompo manahake ty mpanjaka laha tokone ho Josia raene:' Nidiso eto amity toera toy re
naho tsy hihere sasy. 12Ho mate agne amity toera ze nanovagn'iereo sesetane aze re, naho tsy hahisake ty tane toy
sasy.13Loza hoahy ze magnore ty tragnone amity tsy hamarea, ty efetragnone ambone amity tsy rarene, te
mampiasa foa ty mpivelo amine, naho tsy magnomey ty karamane; 14Hoe re ty hoe:' Hagnore tragno bey vaho
efetragno ambone malalake ho ahy raho.' Ka manapaha lafonete bey ho izay, naho nasiane valen-driha sedera
zay, naho linokone mena.'15Mahavy anao ho mpanjaka soa vao ty fagnirianaono hana taratasy sedera? Feie vao
tsy nihina naho nino avao kea ty roaenao, fa kea nanao ty rarene naho fahitia? Vaho nandeha soa ty zaka iaby ho
aze. 16Nagnomey rarene ty mijale naho osaosa reke. Vaho le soa zay. Feie vao izay tsy midika ty fahaia ahy?-izay ro
fitalillia Yaveh.17Fa tsy misy na ino na ino ankoatse ty tahotse amity masognao eo naho ty arofognao naho ty
amity tombone tsy ara-drarene naho ty amity fampipohan-dio ty tsy manan-tsiny, ty fampijalea naho
fampipotepoteha ty hafa. 18Naho izay le hoe Yaveh mikasike andre Joiakima anake lahy ndre Josia, mpanjaka i
Joda: Tsy hitagny aze iereo ka hanao tihoe: 'loza, rahalahiko!' na 'loza, rahavaveko!' Tsy hitagny ho aze iereo ka
hanao tihoe:'loza, tompo!' na loza, bey hasy!' 19Haleve manahake ty fandevegna biriky reke, ho sintosintome naho
hatorake agne ambaly ty vavahady i Jerosalema reke.20Magnaniha agne andengobohitse Libanona ka mikaiha
mafe. Asondroto a Basana ao ty feonao. Mikaiha mafe bakegne amy reo vohitse Abarima, fa ho rava reo ragnenao
iaby. 21Nivola taminao raho mboe niroro ampilaminay riha, nefa hoe riha tihoe: 'Tsy hinjanjy raho.' Izay ro
fombagnao zisikamy ty fahatanoranao satria tsy ninjajy ty feoko riha.22Hiambe reo mpiarake agnondry iaby ty
tsioke, vaho reo ragnenao le hizare ndevo. Vaho le ho megnatse naho haeakeake vatane riha naho ty asa ratenao
iaby. 23Iriha ze mitoboke agne 'Libanona,'ze magnore akane amity sedera, henhenke ty hitsetseva arofo aminao
iaby lahafa avy aminao ty fanaintagna ty asa, fanaintagna ze manahake ty ahy ty ampela miterake!"24"Laha velo
kea raho-izao ro fitalilia Yaveh-na le peratse tombo kase ty tagnako ankavana aza riha Jekonia, anake lahy
Joikima, mpnajaka i Joda, le ho drivadrivateko riha. 25Fa fa nameako ho an-tagna reo ze mila ty ainao eo riha
vaho ho an-tagna reo ze atahoragnao eo, na ho egne an-tagna i Nebokadnezara mpanjaka i Babylona naho reo
Kaldeana kea aza. 26Hagnary anao naho ty renenao nisamake anao agne amity tane hafa raho, tana ze tsy
niterahanao, vaho ao riha ro ho mate.27Laha ty ,ikasike ty tane ze irie iereo hiheregna toy, le tsy hihere atoy iereo.
28Feie vao tsy hanagna tsinisia dikane naho pinotepoteke zay? Feie vao tsy velagne ze tsy nahafale na ia na ia ze
lahilahy jekonia zay? Nanao akore reke naho ty fokone ro naria gniereo, ke natorake tagne amity tane ze tsy hay
gniereo?29Ty tane, ty tane, ty tane! Njanjigno ty tsara Yaveh! 30Izao ro tsara Yaveh: 'Manorata mikasike ty lahilahy
Jekonia toy: tsy hanan-jafeafe reke. Tsy ho tahiene zisike ty androm-piagnane reke, vaho tsy hisy na raike amy
reo zafeafene hahisake fiadagna na hitoboke amity seza fiambena ndre Davida eo ndraike ka hanampake andre
Joda."'


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 23

[1]"Loza ahy iereo mpiarake agnondry ze mamoteke naho magnaparitake ty agnodry ty akata maintsoko- izay ro
fitalillia Yaveh." [2]Naho izay Yaveh, iaze Zaagnahare Israely, le mivola izao mikasike any iereo mpiarake agnondry
ze miambe ty ndatine: "Naparitagnareo reo agnodriko vaho niroahenareo. Tsy niraharaha iereo nareo. Kea
hagnafay anareo raho naho ty raty ze nanoenareo-izay ro fitalilia Yaveh.[3]Iraho vatako ro hamory ty sisa amy reo
agnondriko bakagne amity tane iaby ze nandroahako iereo, vaho hagnere iereo amity pilasy misy akata, ze
hamokara gniereo naho hitomboa gniereo raho. [4]Bakeo raho hananga mpiarake agnodry amy iereo eo ze hiambe
iereo mba tsy hatahotse na potepoteke sasy iereo. Tsy hisy ho tsobo iereo-izay ro tsara Yaveh.[5]Ingo, ho avy ty
andro-izao ro tsara Yaveh-lahafa hananga rantsa mare ho ahy ndre Davida raho. Mpanjaka manahake ty
mpanjaka reke; hiasa am-pahendrea reke vaho hagnisy rarene naho fahitia amy iaze taney eo. [6]Amy reo androne
le ho voavonje ty Joda, vaho Israely le hiay am-pilamina. Le izao ro agnara hikaiha aze: Yaveh ro fahitiatinka.
[7]Naho izay ingo, ho avy ty andro-izao ro tsara Yaveh-lahafa tsy hivola sasy iereo tihoe; 'Laha mboe velo kea
Yaveh, iaze ninday ty vahoake Israely hiboake ty tane Egypta.' [8]Fa hivola kea iereo tihoe: 'Laha mboe velo kea
Yaveh, iaze ninday naho nitarike ty foko Israely bakagne amity tane avaratse naho ty tane iaby ze nandroaha
iereo.' Bakakeo le hiay agne amity tane iereo avao iereo.[9]Laha ty mikasike reo mpitoky, le fere ty arofo, vaho
mangitikitike ty taolako iaby. Ninjare manahake ty ndaty mamo raho, naho Yaveh naho reo tsara masy. [10]Fa i
taney le feno makorele. Naho reo le miay ty tane. Miay reo tane akata agne agnefetse. Raty reo lala ty mpitoky
reo; tsy miasa amity tokone ho ie ty fahefa gniereo.[11]"Fa reo mpitoky naho reo mpisoro le sambe maloto. Fa
nahisake ty haratia iereo tan-tragnoko ao mihintsy raho!-izay ro tsara Yaveh-[12]naho izay le hanahake ty pilasy
malama agnate ieke ao ty lala gniereo. Hatoseke hizotso iereo. Hitonta amy zay eo iereo. Fa handefa loza amy
gniereo eo amity tao ty fagnalilova iereo raho-izay ro tsara Yaveh.[13]Fa fa hisako nanao ze mampangory reo
mpitokine tagne samaria: nitoky tamy bala iereo vaho nitarike ty vahoakeko Israely amity lalan-dio. [14]Nahisake
zaka mandagy tamy reo mpitoky tagne Jerosalema raho: Niriorio iereo vaho nindeha taman-pitake. Nagnamafe
ty tana iereo mpanao raty iereo; tsy nisy niala tamity raty fanaone. Nizare manahake ani Sodoma iaby iereo iaby
amiko vaho ty ndatine le manahake i Gomora!" [15]Naho izay Yaveh tompo ty maro le mitsara izao mikasike reo
mpitokine; "Ingo, hampihina zaka-mahafate naho hampino rano misy poizy iereo raho, tefa ty fahalotoa le
niboake tamy reo mpitoky i Jerosalema nimbagne amity tane iaby."" [16]Yaveh tompo ty maro le mivola izao; "Ko
minjanjy ty tsara reo mpitokine ze mitoky aminareo. Fa namitake anareo iereo! Iereo le mitalily fahisaha bakan-
antsay iereo avao, fa tsy bakamity fitava Yaveh. [17]Mivola avao amy iereo ze magnafa baraka ahy iereo tihoe;
'Yaveh le mitalily fa hisy fiadana ho anareo.' Fa ty ndaty iaby ze mindeha amity hereloha ty fone le manao tihoe: '
Tsy ho avy aminareo ty loza.' [18]Nefa ia ro nitsanga tamity fivoria ty synedriona gn'Yaveh? Ia ro mahisake naho
mahare ty safane? Ia ro nanongilan-tsofy tamity tsara vaho ninjajy?[19]Ingo, misy sikilone ho avy bakagne amy
Yaveh! Miboaha ty siakene, vaho misy tafion-tioke hilay. Mitsioke magnodidy ty loha iereo raty fagnahy zay. [20]Tsy
hihere ty helo Nagnahare mandram-pahaterahane naho mandra-mpidaisane ty vetsevetse ty arofone. Amity
andro farane, le ho azognareo zay.[21]Tsy nandefa reo mpitoky reo raho. Niboake avao iereo. Tsy nitalily na ino na
ino tamy iereo raho, nefa mboe nitoky avao iereo. [22]Fa laha nitsanga tamity fivoria ty synedrionako iereo, le
hahavy ty ndatiko hahare ty tsarako iereo; nampivily iereo tamy reo tsara ratine naho fanao gniereo politike.
[23]Feie vao Zagnahare agnila eo avao vao raho-izao ro tsara Yaveh-fa tsy Zagnahare alavitra avao kea? [24]Misy ndaty
afake miviny agne amity toera mietake vao ka tsy hisako?-izay ro tsara Yaveh-vaho feie vao tsy mameno ty
lagnitse naho ty tane raho?-izay ro tsara Yaveh.[25]Fa reko ty vola iereo mpitoky, reo ze nitoky fitake tamity
agnarako. Hoe iereo tihoe: 'Nagninofy raho! Nagninofy raho!' [26]Zisik'ombia ty hitohiza izay, mpitoky ze nitoky
vande bakao an-tsay iereo, naho nitoky bakamity fitake agnarofo iereo ao? [27]Iereo le mihevetse ty hagnalignova
ty ndatiko ty agnarako amy reo nofy ze atalily gniereo kiraidraike bakamity mpirae-belo amine, manahake ty
nagnalignova ty raza gniereo ty agnarako naho ty agnara i Bala.[28]Ty mpitoky ze mana nofy, ao reke hinday ze
nofy zay. Fa ze nagnambarako zaka, ao reke hagnambara ty volako am-pahitia. Fa ino ro ilira ty akotsy amity
vare?-izay ro tsara Yaveh-[29]Feie tsy manahake ty afo vao ty volako?-izay ro tsara Yaveh-vaho manahake ty tana ze
mamotepoteke vato ho potehe? [30]Kea ingo, mandietse iereo mpitoky raho-izay ty tsara Yaveh-ze iaby mangalatse
tsara amity ndaty hafa vaho mivola fa bakamiko regne.[31]Ingo, manohetse anireo mpitoky raho-izay ro tsara
Yaveh-ze mampiasa ty lela gniereo mba hitoky fitlilia. [32]Ingo, manohetse anireo mpitoky ze magninofy amam-
pitake raho-izay ro tsara Yaveh-vaho bakeo mitalily reo vaho amy ze fomba zay le mamitake ty ndatiko amity
alala ty fitake naho firengerengea gniereo. Manohetse iereo raho, satria tsy nagnirake na nagnomey lily iereo
raho. Naho izay le azo antoke fa tsy hagnampe ty vahoake toy iereo-izay ro tsara Yaveh.[33]Lahafa magnotane anao
reo ndaty reo, na ty mpitoky, na ty mpisoro tihoe: 'Ino ro enta-mavesa gn'Yaveh?' le hivola amy iereo riha tihoe:



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

'Inareo ro enta-mavesatse, vaho handroake anareo raho'-izay ri tsara Yaveh. [34]Laha ty amy reo mpitoky, mpisoro, naho ndaty ze mivola tihoe: 'Intoy ty vesa gn'Yaveh' le hagnafay ze ndaty zay naho ty fokone raho.[35]Tsy mitofa mivola nareo, ty ndaty kiraidraike amity mpiara-belo amine vaho ty ndaty kiraidraike amity rahalahine tihoe: 'Ino ro navale Yaveh?' naho tihoe: 'Ino ro natalily Yaveh?' [36]Kanefa tsy tokone hivola mikasike i vesatse zay le ty tsara ty ndaty kiraidraike avao, vaho nareo le namorere ty tsara i Zagnahare veloy, iaze Yaveh tompo ty maroy,Zagnaharentika.[37]Izao ro ho tsaraenareo amy iaze mpitoky tihoe: 'Ino ro valen-dresake namea Yaveh anareo? na tihoe: ' Ino ro nitsarae Yaveh' [38]Fa laha mivola nareo tihoe: 'Iaze vesa Yaveh', le izao ro tsara Yaveh: 'Satria nivola reo vola reo nareo tihoe: 'Vesa Yaveh', lahafa nagnirake anareo raho, nivola tihoe: 'Ko mivola tihoe: "Vesa Yaveh,"' [39]naho izay, le ingo, hangalake anareo raho vaho hanorake anareo lavitse agne, miarake amy tana ze nameako anareoy naho reo razagnareo. [40]Bakeo le hampitoboke hegnatse naho fagnaratiaratia aminareo zisikagne ze tsy ho halignoe raho."'

Chapter 241Naneho zaka tamiko ty Yaveh. Ingo, aviavy roe vaha ro natoboke tagnoloa ty tempoly Yaveh eo. (Io
fahisaha io le niseho tafara ty nanaova i Nebokadzenara, mpanjaka i Babylona sesetane ani Joakina anake lahy i
Joakima, mpanjaka i Joda, reo mana-kasy i Joda, reo mpanao asa tagna vaho reo mpanefe vy bakao Jerosalema
vaho nindaisane iereo tagne Babylona.)

2I vaha raikey le nisy aviavy soa vatane, manahake ty voaloha ty aviavy masake, fa iaze vaha raike kea le nisy
aviavy tena raty ka tsy afake hohane reo. 3Hoe Yaveh tamiko: "Ino ro hisagnao, Jeremia?" Hoe raho tihoe: "Aviavy.
Aviavy ze tena soa vatane vaho aviavt ze raty vatane ka tsy hae hane."4Vaho niavy tamiko ty tsara Yaveh, manao
tihoe: 5"Yaveh, Zagnahare Israely, nitsara izao: Hidare ty sesen-tane i joda ho ahy ty tombotsoa gniereo raho,
manahake reo aviavy soa reo, reo natao sesen-tane ze tamity toera toy eto ho agne amity tane ty Kaldeana. 6Ho
tsofeko rano iereo vaho hahereko amy tane eo ndraike. Hatsangako ndraike iereo, vaho tsy ho lanieko. 7Vaho
hameako arofo mba hahay ahy, fa Iraho ro Yaveh. Ho ndatiko iereo vaho ho Zagnaharene, la hitolike amiko amity
arofone iaby iereo.8Fa manahake reo aviavy ze raty vatane laha hohane-le Izao ro tsarae Yaveh-manahake ze
fomba zay ro hanovako ani Zedekia, mpanjaka i Joda, miarake amy reo manan-kasy , vaho ty Jerosalema sisa ze
tavela amity tane toy na mandeha mba hitoboke agne amity tane Egypta. 9Havaliko ho zaka mampatahotse iereo,
ho loza, amaso ty fanjaka ty tane iaby eo, fahafaham-baraka naho ambeten-bola ty ohabola, fivolagna draty ,
vaho ozo amity toera iaby ze hindaisako iereo. 10Handefa meso, Kere, vaho arete-mandany amy iereo raho, zisike
ty haharava iereo amity tane ze nameako iereo naho ty razagne toy."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 25

[1]Zao ro tsara bake tamy i Jeremia mikasike ty ndaty ndre Joda iaby. Avy zay tao faha efafatse nanjaka ndre
Joikama ana ndre Josia, mpanjaka ndre Joda. Tao voalohane nanjaka ndre Nebokadnezara, mpanjaka ndre
Babylona zay. [2]Jeremia mpitoky nagnambara zao tamity ndaty iaby tao Joda naho ty mpitoboke ndre Jerosalema
iaby.[3]Nanao ty hoeke reke: Naharitse ty telo amby roapolo tao, tamy ty fahatelo amby ty folo tao nanjaka ndre
Josia ana ndre Amona,mpanjaka ndre Joda zisike henanizao, le avy tamiko ty tsara Yaveh vaho nitaliliko anareo
zisikagne zisikagne, te tsy nijanje nareo. [4]Nandefa reo mpitoky mpiasane iaby ho eo aminareo zisikagne zisikagne
Yaveh , te tsy nijanje aze nareo na nimane.[5]Reo mpitoky nitsara tihoeke: 'Lonike ty ndaty kiraikiraike hiala amity
fomba ratine naho ty kolikoly fataone vaho himpole agne amity tane ze nomey Yaveh ty razambeinareo tamy ty
andro ty ntaolo naho ho gnanareo, ho fagnomeza ela. [6]Le ka magnarake amy reo andranagnahare hafa mba
hanompo na hiondreke amy iereo, vaho ka mibaiko Aze amy reo asa ty tagnanareo mba tsy hagnisiane rate
anareo.'[7]Fe tsy nijanjignenareo Raho-zao ro fagnambara Yaveh-kea fa nikaike Ahike nareo amity asa ty
tagnanareo mba hagnisy rate anareo. [8]Kea Yaveh tompo ty maro nitalily zao:'Satria tsy nijanje reo tsarako nareo,
[9]Ingo, handefa lily hamoria ty ndaty iaby bak'agne avaratse Raho-zay ro fagnambara Yaveh-miarake amy ndre
Nebokadnezara mpiasako, mpanjaka ndre babylona, vaho handay aze reo hanohitse ze tane zao naho reo
vahoakine Raho, vaho hanohitse reo firenena iaby magnodide anareo. Te ho atokako ireo amy ty fandrava.Ho
avaliko horohoro, naho raharaha mampifiopioke, vaho faharava tsy misy fahatapera iereo.[10]Hajanoko ty feo ty
fifalea vaho ty feo ty firavoravoa, ty feo ty mpampiakatse vaho ty feo ty ampakare, feo ty vato fikosoham-bare
vaho ty fahazava ty jiro.[11]Le ho avy faharava naho horohoro toy tane iaby toy, vaho reo firenena hiasa ty
mpanjaka i Babylona maharitse ty fitopolo tao.[12]Vaho lafa feno ty fitopolo tao, le ho lilovako ty mpanjaka i
Babylona naho zay firenena zay, le ty tane reo Kaldeana-zay ro fagnambara Yaveh-noho ty helo iereo vaho ho
ataoko ho faharava tsy misy fahatapera zay. [13]Kea ho ataoko amy zae tane zay ty tsara iaby zay fa nitaliliko, vaho
ty raharaha iaby voasoratse ao amity boky ze nitokia ndre Jeremia hanohera reo firenena iaby toy.[14]Te
hampiboake reo ondevo ao amy reo firenena reo koa ty firenena maro hafa naho reo mpanjaka befoloay maro
hafa. Ho valeako arake y atone naho arake ty asa ty tagnane iaby iereo[15]Te Yaveh, Andragnahare Israely, nitalily
zay tamiko manao tihoeke: " Rambeso etoy an-tagnako toy kapoakan-divaine ty fahasiake toy vaho lonike reo
firenena iaby zay agnirahako anao hino zay. [16]Te hino iereo naho ho tafitohy noho zay vaho hivembe manahake
ty adala agnoloa ty mesa bey ze alefako eo amy iereo.[17]Kea le nirambesiko iaby teo an-tagna Yaveh ty kapoake,
vaho nampinomeko zay ty firenena iaby ze nalefa Yaveh ahike : [18]le i Jerosalema, reo tanam-bey ndre Joda naho
mpanjakane vaho reo manam-pahefa-mba hamalike aze reo ho faharava naho rehareha mampatahotse, naho
raharaha mampifiopioke naho fagnozogna, manahake aze reo amy zao andro zao.[19]Tsy maintse nino izay kea reo
firenena hafa: Farao mpanjaka Ejypte naho reo mpiasane, reo manam-pahefane naho ty vahoakine, [20]Ty ndaty
iaby samy hafa fiavia naho reo mpanjaka iaby bak'amy ty Filistia iaby-Askelona, Gaza, Ekrona, vaho ty tavela
agne Asdoda, [21]Edoma naho Moaba vaho ty vahoake ndre Amona[22]Reo mpanjaka ndre Tyro naho Sidona, reo
mpanjaka ty sisin-driake egne ampita ty riake, [23]Dedana, Tema, vaho Boza miarake amy reo ndaty iaby ze
nanampake ty sisy ty volondoha iereo, tsy maintse nino zay avao ireo.[24]Reto ndaty reto le tsy maintse nino zay
avao kea: ty mpanjaka ndre Arabia iaby vaho ty mpanjaka ty vahoake sambe hafa fiavia iaby ze mitoboke agne
amy tane tsy misy na ino na ino, [25]Ty mpanjaka ndre Zimry iaby, ty mpanjaka ndre Elama iaby, vaho ty mpanjaka
ndre Media iaby; [26]ty mpanjaka ty avaratse iaby, na ty marine vaho na ty lavitse-ty ndaty kirakiraike miarake amy
ty rahalahine vaho ty fanjakana iaby amy zao tontolo zao ze eo ambone ty tane. Tafara ao reke iaby reo le ty
mpanjaka ndre Babylona ro hino farane[27]Nitalily tamiko Yaveh tihoeke: " Amy henane zao tsy maintse hitalily
amy iereo iriha ty hoeke: ' Yaveh tompo ty maro, Andragnahare Israely, nitalily zao: minoma vaho mimamoa,
vaho mandoa, milavoa,vaho ka mitsanga manoloa ty mesa bey ze nalefako aminareo eo.' [28]vaho laha tsy magneke
tsy handrae ty kapoake hinome egne an-tagnanao iereo, le talilio tihoeke:'nitalily zao Yaveh tompo ty maro
tihoeke: tsy maintsy mino izay vatane nareo. [29]Te ingo, handay loza eo amy ty tanà ze nikaike tamy ty agnarako
Raho, le tokone ho afake amy ty fandilova va nareo? Tsy ho afake nareo, satria hikaike ty mesa bey hanohitse ty
vahoake iaby amy ty tane Raho!-zay ro fagnambara Yaveh tompo ty maro.'[30]Tsy maintse mitoky reo tsara iaby
amy iereo iriha, vaho talilio aze reo tihoeke:'hitre bak'agne amy ty ambone rie Yaveh vaho hampiakatse ty feone
bak'egne amy ty fitoboha mase, vaho hitre mafe amy ty fiforetane Reke; vaho hikoeke Reke ; manahake reo zay
mandialia ty voaloboke manohitse reo iaby ze miay eto an-tane, [31]Ty feo ty ale hamatse hatragne ampara ty tane,
te Yaveh manday fitana amy reo firenena, vaho manday fitsara eo amy ty nofotse iaby Reke. Hagnomey reo rate
fagnahy eo amity mesa bey Reke-zay ro fagnambara Yaveh.'[32]Yaveh tompo ty maro nitalily zao tihoeke: 'Ingo,
hiboake hitete firenena ty loza, vaho miala bak'ange amity faritse lavitse loatse amity tane ty tafio ty tioke

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

mahere. [33]Vaho reo ze nivonoa Yaveh amy zay andro zay le hihitatsy hatragne amity fitapera ty tane raike le
zisikamy ty ilane hafa; tsy handala iereo, na havory, na ho aleve. Ho manahake ty litsake eo ambone tane iereo.
[34]Midadadada, ry mpiambe ondre, vaho mikaike lomba! tsy miala lavitse eo amity leboke, nareo ry mpitarike ty
agedre, te fa avy ty andro famonoa anareo, hiparitake manahake ty valagne matife nareo lafa lavo. [35]Tsy misy
fitsoloha hoahy reo mpiambe agnondry, tsy ho afake milay reo mpitarike ty ondre. [36]Janjigno ty tagnine reo
mpiambe ondre naho ty fidadadada reo mpitarik'agnondre, te simba Yaveh ty akata ireo.[37]Kea ho ravarava reo
akata noho fasiake ty fahatezera Yaveh. [38]Manahake ty liona tanora, nagnenga ty zohine reke, satria ty tane iereo
le ho avy horohoro noho ty heloke ty mpampijale, naho ty fireheta ty helone." [fanamariha: laha tokone tihoeke "
fahatezera ty mpampahore" , ty dikan-tsara taloha naho tafa atoy manao tihoeke: " sa mesa bey ty mpampajale."]

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 26

[1]Tamity nanomboha ty fanjaka ndre Joiakima anadahy ndre Josia, le avy bak'amy Yaveh zao tsara zao, nanao
tihoeke: [2]"Yaveh nitsara tihoeke:" Mitsangana eo amy ty kianja ty tragnoko vaho talilio amy ty tanà ndre Joda iaby
ze avy hanao fanompoam-pivavaha ao an-tragnoko. Atalilio ty tsara iaby nandiliako anao ho talilinao amy iereo.
Ka misy tsara hangala![3]Vasa mba hijanje iereo, ka hiala amy reo lalan-dratine ty ndaty kiraikiraike, le hitajake ty
loza ze fanisafiko ho andese eo amy ty iereo noho ty faharatia ty fomba fatao iereo Raho.[4]Kea tsy maintsy mitalily
amy iereo iriha tihoeke:'Zao ro nambara Yaveh: Laha tsy mijanje ahike nareo le tsy mandeha arake ty fifehezako
ze napoko teo agnatrehanao-[5]laha tsy mijanje ty tsara reo mpitoky mpiasako nareo ze niezahako nalefa
taminareo-te tsy nijanje nareo!-[6]le ho ataoko manahake andre Silo toy tragno toy; ho ataoko ozo eo amaso reo
firenena iaby era ty tane ty tanà toy."'[7]Reo mpisoro, reo mpitoky, naho ty ndaty iaby le nijanje andre Jeremia
nagnambara zay tsara zay tao agn'Anjomba Yaveh. [8]Vaho laha vo nitapitse ty fagnambara ndre Jeremia ty tsara
iaby ze nandilia Yaveh aze ho taliliene tamy ty ndaty iabe, le nisambotse aze reo mpisoro, reo pitoky, naho ty
ndaty iaby le nanao tihoeke: " Vatane ho mate iriha! [9]Nanao akore iriha ro nitoky tamy ty agnara Yaveh vaho
nitalile te toy tragno toy le ho avy manahake andre Silo vaho toy tanà toy le ho rava, vaho tsy hise vahoake? Te ty
vahoake iabe nivore nanohitse andre Jeremia tao Agnanjomba Yaveh.[10]Vaho nijanje zay tsara zay reo manam-
pahefa ndre Joda vaho niakatse bak'agne an-tragno ty mpanjaka ho agne an-tragno Yaveh. Nitoboke teo am-
bavahade teo amy ty vavahade vaovao ty agnanjomba Yaveh iereo. [11]Reo mpisoro naho reo mpitoky niresake
tamy reo manam-pahefa naho ty ndaty iabe. Nanao tihoeke iereo: Hitine hoahy toy lehilahy toy ty ho mate, te
nitoky nanohitse toy tanà toy reke, arake ze janjinareo tamy ty sofinareo!"[12]Kea niresake tamy reo manam-pahefa
iaby naho ty vahoake iabe re Jeremia le nitalile tihoeke: " Yaveh ro nandefa ahike hitoky hanohitse toy tragno
naho tanà toy, mba hitalily ty tsara iabe ze farenareo.[13]Kea henanezao, havaozo ty feo Yaveh Andragnarenareo
mba hanegnenane ty mikasike ty loza ze nambarane hanohera anareo. [14]Raho vatane ro eo an-tagnanareo-
vambao raho! Ataovo amiko ze soa naho te eo amasonareo. [15]Te tokone ho hainareo vatane te laha mamono ahike
nareo, le handay lio to hoahy ty vatanareo naho hoahy toy tanà toy naho ty vahoake ao amine, te Yaveh vatane ro
nandef ahike teo aminareo hagnambara reo tsara iabe reo ho janjy ty sofinareo[16]Vaho reo manam-pahefa naho ty
ndaty iaby nitsara tamy reo mpisoro naho reo mpitoky tihoeke:"Tsy maeva ty ho mate ty lehilahy toy satria
nagnambara raharaha tamintika tamy ty agnara Yaveh Andriamanitika reke. " [17]Kea le nintsanga reo ndaty bey ty
tane le nitsara tamy ty fiangona ty ndaty iaby.[18]Nanao tihoeke iereo: " Mika Marastita le nitoky tamy ty andro
ndre Hezekia mpanjaka ty Joda. Niresake tamy ty vahoake ndre Joda iabe reke le nanao tihoeke: ' Yaveh tompo ty
maro nitalily zao: ho lasa manahake ty baibo Ziona, hoavy korontam-bato re Jerosalema, vaho ty lahambohitse ty
tempole le hoavy haboa feno ala bey.' [19]Namono aze va i Hezekia mpanjaka ty Joda naho ty Joda iabe? tsy
natahotse Yaveh va reke le nampilame ty vata Yaveh mba hampijanona Yaveh ty loza ze fanambarane aze reo?
Kea hanao zaka-rate bey foloay amy ty fiaintika avao va itika? "[20]Teo agnila zay avao kea le nisy lahilahy hafa ze
naminane tamy ty agnara Yaveh-Oria anadahy ndre Semaia bak'amy ndre Kiriata Jearima- reke kea le nitoky
hanohitse toy tanà naho tane toy, nifagnarake tamy ty tsara ndre Jeremia iaby. [21]Te lafa janjy Joiakima mpanjaka
naho ty miaramilane iabe naho ty manam-pahefane ty tsarane, le niezake ty hamono aze ty mpanjaka, le
nahajanje zay re Oria le natahotse, le nilay vaho lasa nagnagne Egypte.[22]vaho nandefa lahilahy hoagne Ejypte ty
mpanjaka Joaikima-ElnaTana anadahy ndre Akbara naho lahilahy handeha hoagne Egypte hagnarake andre Oria
. [23]Nala iereo hiboake baka tao Egypte re Oria vaho nandesy teo amy ndre Joiakima mpanjaka reke. Vaho le
nivonoa ndre Joiakima tamy ty mesa bey reke vaho nalefane tagne amy reo valavato ty ndaty tsotra ty fatine. [24]Te
ty tagna ndre Ahikama anadahy ndre Safana le niarake tamy ndre Jeremia, le tsy nomey teo ampelan-tagna ty
vahoake mba ho vonoa reke.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 27

[1]Tamy ty nanomboha ty fanjaka ndre Zedekia anadahy ndre Josia, mpanjaka ndre Joda, le avy tamy ndre Jeremia toy tsara toy bak'amy Yaveh toy. [na le manao tihoeke "Joiakima"ka ty ankamaroa reo dika-tsara Hebreo naseho ao amy ty toko toy le niseho naharitse ty fanjakane] [2]Zao ro nitalily Yaveh tamiko tihoeke:"Magnamboara fameheza naho joga hoahy ty vatanao. Apoho eo amy ty hatonao reo.[3]Bak'eo le alefaso agne amy ty mpanjaka ndre Edoma, mpanjaka ndre Moaba, mpanjaka ty vahoake ndre Amona, mpanjaka ndre Tyro, amy ty mpanjaka ndre Sidona reo.Alefaso amy ty alala ty tagna reo solontena ty mpanjaka ze avy tao jerosalema hoagne amy ndre Zedekia mpanjaka ndre Joda reo. [4]Omeo baibo iereo hoahy reo tompo iereo vaho talilio tihoeke: "Yaveh tompo ty maro, Andragnahare Israely, le nagnambara zao: ro tsy maintse ho talilinareo amy reo tomponareo:[5]Iraho vatako le nanao ty tane tamy ty alala ty heriko bey foloay naho ty sandriko nintsanga. Raho avao kea ro nanao ty ndaty naho reo biby eo ambone ty tane, vaho nomeiko ane ze to teo amasoko zay.[6]Kea amy henanezao, Iraho vatako le hagnomey reo tane iaby reo ho eo am-pelan-tagna ndre Nebokadnezara, mpanjaka i Babylona, mpiasako, Omeiko aze avao kea reo raharaha misy fiay agne am-baibo mba hanompo aze. [7]Te tsy firenena iaby le hanompo aze, reo anadahine, vaho reo Zafikelene zisike iavia ty fotoa ty tanene. vaho hisy firenena maro naho mpanjaka foloay handrese aze.[8]Noho zay ty firenena naho ty fanjaka ze tsy manompo andre Nebokadnezara, mpanjaka ndre Babylona, vaho tsy mametrake ty hatone ao ambane ty joga ty mpanjaka ndre Babylona-le ho saziko amy ty mesa bey, kere vaho arete mandrava izay firenena zay-zay ro fagnambara Yaveh-zisike-paharavako aze reo amy alala ty tagnane.[9]Kea ka mijanjigne andreo mpitalily ty ho avy, reo mpisikilinareo, reo mpahitanareo, reo mpagnete ty ho ave, vaho reo mpagnosave, ze niresake taminareo vaho nitalily tihoeke:'Ka manompo ty mpanjaka ndre Babylona.' [10]Te iereo le mitoky vande aminareo mba handefasa gnanareo lavitse ty tanenareo, te ho roasiko nareo, vaho ho mate nareo. [11]Te reo firenena ze mampitoboke ty hatone ao ambane ty joga ty mpanjaka i Babylona le manompo aze, le ho apoko hijano eo amy ty tanene zay-zay ro fagnambara Yaveh-vaho hambole eo amy zay iereo vaho hagnore ty tragno iereo eo amy zay.''"'[12]Kea niresake tamy ndre Zedekia mpanajaka ndre Joda Raho vaho nagnomey aze zao hafatse zao:''Apoho ao ambane ty joga ty mpanjaka ndre Babylona ty hatognareo vaho manompoa aze naho ty vahoake, vaho ho velo nareo. [13]Nanao akore nareo ro ho mate-iriha naho ty vahoakenao-amy ty alala tymesa bey, kere, naho areti-mandrava, manahake ty fagnambarako mikasike ty firenena ze tsy magneke ty hanompo ty mpanajaka ndre Babylona?[14]Ka mijanje ty tsara reo mpitoky ze miresake aminareo vaho mitalilia tihoeke:' Ka manompo ty mpanjaka i Babylona,' satria nitoky vande aminareo iereo.[15]'Te tsy nadefa aze reo Raho-zay ro fitalilia Yaveh-te iereo le mitoky fitake amy ty agnarako mba handroasako anareo le ho mate nareo, nareo naho reo mpitoky ze nitoky taminareo.'''[16]Nambarako tamy reo mpisoro naho ty ndaty iaby zay vaho nanao tihoeke: ''Zao ro talily Yaveh: Ka mijanje ty tsara reo mpitokinareo ze mitoky aminareo vaho manao tihoeke: 'Ingo!Reo raharaha tao ahy ty tragno Yaveh le nampole tagne Babylona amy henanizao!'Mitoky vande aminareo iereo. [17]Ka mijanje aze reo tokone hanompo ty mpanjaka Babylona nareo vaho ho velo. Nanao akore ro tokone ho rava toy tanà toy? [18]Laha mpitoky iereo, vaho laha ave tamy iereo to ty tsara Yaveh, le lonike iereo hanao ragnandria amy Yaveh tompo ty maro mba tsy handefa amy Babylona reo raharaha ze nipoke ao an-tragnone, ty tragno ty mpanjaka ndre Joda, naho Jerosalema.[19]Yaveh tompo ty maro le mitalily zao mikasike reo fiambina, ty vondran-drano foloay, naho ty fitoera ty vondran-drano, vaho ty ambine reo raharaha ze tavela ao amy io tanà io-[20]reo raharaha ze tsy nirambese ndre Nebokadnezara lafa nitarazo andre Jekonia anadahy ndre Joiakima, mpanjaka ndre Joda ho rese bak'agne Jerosalema ho agne Babylona niarake tamy reo manan-kase ndre Joda naho Jerosalema.[21]Yaveh tompo ty maro, Andragnahare Israely, le mitalily zao mikasike reo raharaha ze nipoke amy ty tragno Yaveh, ty tragno ty mpanjaka ndre Joda, naho Jerosalema tihoeke: [22]'Ho andese agne Babylona reo, vaho hitoboke agne zisik'iavia ty andro hiaviako ho aze reo-zay ro fagnambara Yaveh-bak'eo Raho handay reo hiakatse vaho hampipoke reo agne amy io toera io.'''

Chapter 28

[1]Tamy ze tao zay, tamy ty nanomboha ty fanjaka ndre Zedekia mpanjaka ndre Joda, tamy ty fahefa-tao naho
fahadimy ty vola, Hanania anake lahy ndr'Azora mpitoky, ze boakagne Gibeona, le nivola tamiko tatragno Yaveh
tagnoloa reo mpitoky naho ty vahoake iaby. Hoe iereo tihoe: [2]"Yaveh Tompo ty maro, Zagnahare Israely, mivola
ezao: fa nivakieko ty joga ze napo ty mpanajaka i Babylona.[3]Agnate ty roe tao le hahereko amity pilasy toy eto reo
zaka iaby tagnajomba Yaveh ao ze nalae ndre Nebokadnezara mpanajaka i Babylona tamity pilasy toy eto kea
tinaone nimbagne Babylona. [4]Vaho hindeseko mihere amity pilasy toy ty Jekonia anake lahy Joikima, mpanjaka i
Joda, vaho reo ndevo iaby ze nirahe nimbagne Babylona-ezay ro fitalilia Yaveh-fa hamoteke ty joga ty mpanajaka
i Babylona raho."[5]Kea nivola tamy Hanania mpitoky tagnoloa reo mpisoro naho ty vahoake iaby ze nitsanaga
tagnajoba Yaveh ao ty Jeremia mpitoky. [6]Hoe Jeremia mpitoky tihoe: "Lonike hanao izay ty Yaveh! Lonike ty
Yaveh hagnamafe reo tsara ze nitokianao ka hagnere reo zaka ty ajomba Yaveh amity pilasy toy eto, naho reo
ndevo iaby bakagne Babylona. [7]Nale izay aza, minjajigna ezao tsara ze atalililko an-tsofignao eo naho an-tsofy ty
vahoake maro eo.[8]Reo mpitoky ze nisy talohako eo naho talohanao taloha ela bey avao kea le nitoky mikasike reo
firene maro naho handietse reo fanjaka bevata, mikasike ty aly, kere, vaho ty arete mandany. [9]Fa ty mpitoky ze
nitoky fa hisy fiadagna-laha to ty tsarane, le ho hay fa mpitoky nirahe Yaveh vatane re."[10]Fa nirambese ndre
Hanania mpitoky iaze jogay tegne an-tenda ndre Jeremia mpitoky vaho nivakiene zay. [11]Bakeo le nivola tagnoloa
ty vahoake iaby ty Hanania kea nanao tihoe: "ezao ro tsara Yaveh: Manahake izay kea, agnate ty roe tao le ho
vakieko iaby reo joga ze napo ndre Nebokadnezara mpanjaka i Babylona tan-tenda ty firene iaby."Le nindeha
tamity lalane ty jeremia mpitokine.[12]Tafara ty namoteha ndre Hanania mpitoky ty joga tamity tenda ndre Jeremia
mpitokine, le niavy tamy Jeremia mpitokine ty tsara Yaveh, nanao tihoe: [13]"Mandehana vaho mivolagna amy
hanania vaho volagno tihoe: 'ezao ro tsara Yaveh: namaky joga hetae riha, fa iraho kea hanao joga vy.' [14]Fa ezao
ro tsara Yaveh Tompo ty maro. Fa nampipoke joga vy tamity tenda reo firene iaby ze manompo andre
Nebokadnezara mpanjaka i Babylona reo raho, ka hanompo aze iereo. Fa nagnomey aze bibily avao kea raho
mba handily amine eo."[15]Tafara izay ty Jeremia mpitokine le nivola tamy Hanania mpitokine tihoe: "Minjajigna
Hanania! Tsy nagnirake anao ty Yaveh, fa iriha vatanao ro nahavy reo vahoake hino vande. [16]Kea ezao ro tsara
Yaveh: Ingo, hagnafake anao amity tane toy raho. Ho mate amity tao toy riha, tefa nitalily fivoria ty vola ze tao
zay avao, le mate ty Hanania mpitokine.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 29

[1]Intoa ty tsara tagnate i holon-taratasy ze nalefa ndre Jeremia mpitokine bakagne Jerosalema ho ahy reo roandria
sisa tavela tamy reo ndevo naho tamy reo mpisoro, reo mpitokine, vaho reo vahoake ze nanoe ndre
Nebokadnezara sesentane bakagne Jerosalema nimbagne Babylona. [2]Izay le tafara ty nandefasa andre Jekonia
mpajaka, naho ty rene mpanjaka vave, naho reo manam-pahefa ambone, ty mpitarike andre Joda naho
Jerosalema. [3]Nampindaise ndre Elasa ana ndre Safana vaho Gemaria ana ndre Hilkia ze nirahe ndre Zedekia
mpanjaka i Joda, tagne amy Nebokadnezara mpanjaka i Babylona, iaze hologna-taratasy.[4]Ezao ro tsarae i
hologna-taratasy: "Yaveh tompo ty maro, Zagnahare Israely, mivola ezao amy reo ndevo iaby ze nanoe sesentane
bakagne Jerosalema ho agne Babylona: [5]'Magnamboara tragno vaho mitoboha amy reo ao. Mambolea anaketae
vaho hano ty voa reo.[6]Mangala valy miteraha anake lahy naho anak'ampela. Le angalao valy reo anagnareo lahy,
vaho omeo valy reo anagnareo vave. Ao iereo hiterake anake lahy naho anak'ampela vaho ampitombo reo mba
tsy hizare ho tsiampe loatse nareo. [7]Paio ty fiadagna ty tana ze nanovako anareo sesentane, vaho mivavaha
amiko ho ahy izay satria hisy fiadagna ho anao ty ao laha ao ty fiadagna.'[8]Fa Yaveh tompo ty maro, Zagnahare
Israely, le nivola ezao: 'Ko magnega any reo mpitoky ze agnivoanareo eo naho reo mpisikily hamitake anareo,
vaho ko minjajy reo nofy ze nofisenareo. [9]Fa iereo le mitoky am-pitake aminareo amity agnarako. Tsy nandefa
iereo raho-ezay ro fitalilia Yaveh.'[10]Fa ezao ro volagne Yaveh: 'Lahafa nandily anareo zisike ty fitompolo tao ty
Babylona, le hagnampe anareo raho vaho hagnatanterake ty tsara soako ho anareo mba hagneregna anareo
amity toera toy. [11]Fa iraho vatako ro mahay ty vetsevetseko ho anareo-ezay ro fitalilia Yaveh-vetsevetse fiadagna
fa tsy loza, mba hagnomey ho avy naho ty fagnatena ho anareo.[12]Le nikaike ahy nareo, vaho hindeha kea
hivavake amiko, le hinjajy anareo raho. [13]Fa hila ahy nareo kea hahisake ahy, satria hila ahy amity fognareo iaby.
[14]Vaho ho hisanareo raho-ezay ro fitalilia Yaveh-le hahereko ty hanagnanareo; havoriko bakagne amity firene
naho toera iaby nagnelazako anareo nareo-ezay ro fitalilia Yaveh-fa hagnere anareo agne amy toera ze
nanaovako sesentane anareoy raho.'[15]Tefa inareo nivola fa Yaveh le nanondrotse mpitoky ho anay agne Babylona,
[16]le ezao ro tsarae Yaveh amy mpanjaka ze mitoboke amity seza fiambena ndre Davida eo naho amy reo ndaty
iaby ze mitoboke amy ze tana zay ao, reo rahalahinareo ze mboe tsy niboake ho ndevo niarake taminareo-[17]Ezao
ro tsarae Yaveh tomppo ty maro: 'Ingo, handefa meso, kere, naho arete amy gniereo eo raho. Fa ho anoeko
manahake ty aviavy lo ze tena raty laha hohane iereo.[18]Le hagnidy iereo amity meso, kere, naho arete mandany
raho vaho hanao iereo ho mamparikoriko amaso ty fanjaka ty tane iaby-horohoro, fiasa fagnozogna naho
mampifiopioke, vaho zaka mahamegnatse amity firene iaby eo ze nagnelezako aze. [19]Ezay le satria tsy ninjajy ty
tsarako iereo-ezay ro fitalilia Yaveh-ze nalefako iereo tamity alala gniereo mpitoky mpanompoko. Nandefa iereo
mbegne mbegne raho, nefa tsy ninjajy nareo-ezay ro fitalilia Yaveh.'[20]Kea njanjigno ty tsara Yaveh, inareo
sesentane iaby ze nalefane bakagne Jerosalema ho agne Babylona: [21]'Yaveh tompo ty maro, Zagnahare Israely, le
nivola ezao mikasike andre Ahaba ana ndre Kolaia naho Zedekia ana ndre Mahaseia, ze mitoky vande aminareo
amity agnarako: Ingo, hampipoke iereo an-tagna ndre Nebokadnezara mpanjaka ty Babylona eo raho. Hamono
iereo amasognareo eo re.[22]Le hisy ozo ho volagne reo ndevo i Joda iaby agne Babylona mikasike reo ndaty reo. I
ozoy le hivola tihoe: Hatao Yaveh manahake ndre Zedaia naho Ahaba gea nareo, ze natono ty mpanjaka i
Babylona tamity afo. [23]Hiseho zay naho reo zaka mahamegnatse ze nanoe gniereo tagne Israely lahafa niriorio
tamity valy ty ragnene naho nivola mbola mbade tamity agnarako, zaka ze tsy mboe nandiliako iereo ho volagne
mihintsy. Fa iraho iaze mahay; iraho ro vavolombelo-ezay ro fitalilia Yaveh."'[24]"Laha ty amy Semaia Nehelamita,
le izao volagne: [25]"Ezao ro tsara Yaveh tompo ty maro, Zagnahare Israely: Satria riha nandefa tararasy tamity
agnaranao avao tamity ndaty iaby tagne Jerosalema, tamy Zefaia ana ndre Masaia mpisoro, vaho tamity mpisoro
iaby, vaho nivola tihoe: [26]"Yaveh nanao anareo ho mpisoro, mba hiandraketanareo ty tragno Yaveh. Iriha ro
mifehe ty ndaty iaby ze tsobo sae naho manao ty vata gniereo ho mpitoky. Tokone ho gadrae naho fehe amity rojo
vy iereo.[27]Kea amizao, Nanao akore nareo ro tsy nivola mafe andre Jeremia ty amy Anatota, ze manao ty vatane
ho mpitoky mandietse anareo? [28]Fa fa nagnirake ho anay tagne Babylona re vaho nivola tihoe: 'ho andro ela zay.
Magnoregna tragno vaho mitoboha amy reo ao, mambole anaketae vaho hano ty via reo.'" [29]Namaky ty taratasy
toy ty Zefania mpitokine tan-tsofy ndre Jeremia mpitoky eo.[30]Le niavy tamy Jeremia ty tsara Yaveh, manao tihoe:
[31]"Mandefasa tsara amy reo sesentane iaby vaho volagno tihoe: 'Ezao ro tsarae Yaveh mikasike andre Semaia
Nehelamita: Satria lahafa tsy nandefa aze raho vatako, vaho nitarike anareo hino reo vande, [32]naho izay le izao ro
tsarae Yaveh: Ingo, fa hagnafay andre Semaia Nahalemita naho reo fokone raho. Tsy hisy ndaty hijanognane
amiy ndatikoeo-izay ro fitalilia Yaveh-fa fa nitory fivoria handietse ani Yaveh re."'

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 30

[1]Ty tsara ze niavy tamy Jeremia bakamy Yaveh lemanao tihoe: [2]"Ia ro tsarae gn'Yaveh, Zagnahare Israely: 'Sorato
agnate taratasy ho anao ty tsara iaby ze nataliliko taminao tamity taratasy ao. [3]Fa kea, ho avy ty andro-izay ro
fitalilia gn'Yaveh-ze hagneregnako ty hanagna ty ndatiko,le Israely naho Joda. Iraho, Yaveh, ro nivola . Fa
hindeseko mihere amity tane ze nameako anao ty raza gniereo, vaho ho hanagna gniereo zay."'[4]Ezao ro tsara ze
natalily gn'Yaveh mikasike ani Israely naho Joda: [5]"Fa izao ro tsarae gn'Yaveh: 'Naharey feo tahotse ty tahotse
zahay fa tsy fiadagna.[6]Magnotanea vaho henteo laha misy lahilahy minday vesatse. Nanao akore raho ro
mahisake ty ajiahy iaby magnomey ty vatane am-balahane eo manahake ty ampela minday vesatse? Nanao akore
ro mihafoty avao ty tarehe gniereo iaby? [7]Loza! Fa ho bevata ze andro zay, vaho tsy misy manahake izay. Ho
andro ty tahotse ho ahy Jakoba zay, feie ho avotse amy gnizay re.[8]Fa amy ze andro zay-izao ro fitalilia gn'Yaveh
tompo ty maro-ro handiliako ty joga hiala amity vozognareo, vaho hamotepotehako ty rava vy gnareo, kea tsy
hagnadevo anareo sasy ty vahine. [9]Fa hivavake amy gn'Yaveh Zagnahrene iereo vaho hanompo ani Davida
mpanjakane, ze hanoeko mpanjaka amy gniereo eo.[10]Kea iriha, Jakoba mpanompoko,ko matahotse-izay ro fitalilia
gn'Yaveh-vaho ko vagno tahotse, nareo Israely. Fa ingo, fa hinday anao hihere baka andagnitsagne raho, vaho ty
fokognao amity tane ty fagnadevoa agne. Hihere ty Jakoba vaho hiada; hilamy re, vaho tsy hisy tahotse sasy. [11]Fa
miarake aminao raho-izay ro fitalilia gn'Yaveh-mba hamonje anao. Le hajanoko vatane ty amy firene iaby reo ze
nagnelezako anao. Fa tsy hanampetse anao vatane raho, na le magnafay anao amity rarene aza raho kea tsy
hagnega anao hiala may.'[12]Fa ezao ro tsarae gn'Yaveh: 'Tsy hae sitragne ty feregnao; maloto ty feregnao. [13]Tsy misy
hisolo vava anao; tsy misy fagnafoly ho ahy ty feregnao mba ho hagnafake anao.[14]Nagnaligno anao ndatinao iaby
reo. Tsy hila anao iereo, fa fa namere anao tamity fere ty rafe naho tamity fagnafaiza Tompo loza bevata raho
naho ty amy hadisoagnao naho hadisoa tsy hae isafe reo. [15]Nanao akore riha ro mikaike vonje naho ty feregnao?
Tsy mete afake ty fanaitagnanao. Naho ty amy hadisoa gnao reo, hadisoa tsy hay isafe reo, le nanoeko taminao
zaka regne.[16]Kea ze iaby mamoteke anao le ho potehe, vaho ze mpanao kize aminao iaby le ho hizare ndevo. Fa
reoze magnadevo anao le ho ndevoze, vaho horobaheko ze mandroba anao. [17]Fa hinday fagnafaha aminao raho;
hagnafake anao amity feregnao raho-izay ro fitalilia gn'Yaveh-hanoekozay satria iero le nikaike anao tihoe:
Nareovoaroake. tsy mba misy midare ty Ziona toy."'[18]Ezao ro tsarae gn'Yaveh: "Ingo, hagnere ty hanagna ty lae
ndre Jakoba raho vaho haeke tragnene reo. Le hisy tana haore amity harava mikonvota eo, vaho hihere amity
pilasine nisy aze eo ndraike ty fiaro mafe. [19]Le hisy antsa fidera naho feo hafalea hiboake baka amizay iereo, fa
hampitombo iereo raho fa tsy hagne; hameako hasy iereo mba tsy hihe.[20]Le hanahake ty taloha ty ndaty gniereo,
vaho ty fivoria gniereo le hiore agnoloako eo lahafa magnafay iaby reo ze mampijale iereo amy gnizao raho.
[21]Hiboake baka amy gniereo ao ty mpnday gniereo. Baka agnivoa gniereo eo ro hiboahane lahafa ampiharineko
vaho laha famamonje ahike Reke. Laha tsy manao zay Raho, le ia ro mahasaky hiharine Ahike? -----zane ro
fitalilia i Yaveh. [22]Le hondatoko nareo, vaho Raho Hoandragnaharenareo.[23]Ingo, ty talio gn'Yaveh, ty siane, fa
niboake. Talio mitohy zay. Hiodinkody an-doha ty ndaty raty fagnahy eo zay. [24]Tsy hihere ty sia gn'Yaveh zisi
pahavitane naho fagnantaterahane ty fagniria ty fo. Amity andro farane, le ho hainao zay."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 31

[1]"Tamy ze andro zay-izao ro fitalilia gn'Yaveh-ho Andriagnahare ty longo Israely iaby raho, vaho ho vahoako
iereo." [2]Ezao ro tsarae gn'Yaveh: "Ty ndaty ze tsy mate ty mesobey le nahisake hato tagnefetse agne; hiboake raho
mba hagnomey fitofa ho ahy Israely." [3]Niseho tamiko ty Yaveh taloha agne vaho nivola tihoe: "Niteako riha, nareo
Israely, tamity fitea maharetse zisikagne. Kea nanarike anao hagnato ahy amity fagnekea mafe raho.[4]Hanaga
anao ndraike raho kea hitsanga riha, nareo Israely mboe kele. Hamdrambe ty ampongatampagnareo nareo vaho
hiboake amity dihim-kafalea. [5]Hambole tanen-boaloboke ndraike amy vohitse Samaria reo eo nareo; mpambole
reo hambole vaho hagnega ty vokatse amity tokone ampiasa aze. [6]Fa ho avy ty andro hitalilia mpiambe reo amy
vohitse Efraima reo tihoe: 'Mitsanagan, ndao tika hindeha a Ziona agne amy gn'Yaveh Zagnaharetinka.'[7]fa ezao ro
tsarae gn'Yaveh: "Mikorake hafalea ho ahy Jakoba! Mikoraha hafalea ho ahy roandria ty vahoake firene reo! Ao
ho re ty fidera. Volagno tihoeke: 'Fa namonje ty vahoane ty Yaveh, ty sisa tavela tamy Israely reo.[8]Ingo, fa hinday
iereo bakao amy tane avaratse reo raho. Hamory iereo bakamy faretse lavitse vatane reo ty tane raho. Ho agnate
izay goa reo naho maleme reo; hiarake amy gniereo ty ampela mivesatse naho reo ze fa niterake. Hisy fivoria
bevata hihere ty eto. [9]Ho avy am-pitagnia iereo; hitarike iereo amy ze hatane raho. Hampandehaneko amity rian-
drano agne amity lala mahity iereo. Tsy ho tafintohy amy zay eo iereo, fa ho roa gn'Israely raho, vaho ho
lahematoako ty Efraima.'[10]"Njajigno ty tsara gn'Yaveh, nareo fierne. Indeso feno ty tane lavitse agne. Inareo firene
le tsy maintsy hivola izao: 'Iaze nagnaparitake ani Israely le namory aze vaho miambe aze manahake ty
mpiarak'agnodry miambe ty agnodrine.' [11]Fa fa nandoa ty vilim-pagnavota iJakoba ty Yaveh vaho nagnavotse aze
tamity tana ze mafe loatse hoa aze tegne.[12]Vaho ho avy iereo kea hofale an-tampo Ziona eo. Hamiratse naho ty
hasoa gn'Yaveh ty tarehe gn'iereo, amity tandroke naho divae vaovao, amity mena ke naho ty ana n'agnodry
aman'ose vaho agnombe reo. Fa ho avy manahake ty posy folera voatondrake ty fiagna gniereo, vaho tsy haharey
alahelo sasy iereo.[13]Le hofale amity dihy oaja reo, vaho hiarake ty somonjara naho ty anten-dahy. Fa ho avaliko
ho fankalaza ty fandala gniereo. Hiferenay iereo raho kea hamalefale iereo fa tsy hampalahelo. [14]Le hanoto
vatane ty fiagna mpisoro reo raho.Hameno ty vata gniereo amity hasoako ty vahoako-izay ro fitalilia
gn'Yaveh."[15]Ezao ro tsarae gn'Yaveh: "Nisy feo re ta Rama agne, fibababababa naho fitagnia mafe. Rahely mitagny
anane reo zane. Nandietse tsy ampionogne ty amy gniereo re, satria fa tsy miay sasy iereo."[16]Ezaoro tsarae
gn'yaveh amity fotagnia ty feognao vaho amity ranomaso ty masognao; satria misy valene ty fijaleagnao-izay ro
fitalilia gn'Yaveh-hihere bakagne amity tane ty fahavalo anagnao reo. [17]Misy fagnatena ty amity ho avinao-izay ro
fitalilia gn'Yaveh-hihere amity faretane gniereo ao ty fokognao."[18]Fa reko nalahelo vatane ty Efraima tihoe:
'Nagnafay ahy riha, vaho fa nifaieze manahake ty anak'agnombe tsy nizare raho. Indeso mihere raho le ho
tafahere, fa iriha ro Yaveh Zagnahareko. [19]Fa tafara ty niheregnako taminao, le nanegne raho; tafara ty nagnazara
ahy, le namango ty feko raho. Sala baraka naho megnatse raho, fa fa niterake ty hadisoa ty hajajako.' [20]Feie vao tsy
teako ty Efraima? Feie vao tsy mamiko re, anake teako? Fa ndre ombia ndre ombia hivolagnako aze, le mboe
hahatiaro ampiteava aze vatane raho. Izay ro mampalahelo ahy amine. Hiferenay aze vatane raho-izay ro fitalilia
gn'Yaveh."[21]Magnisia famantara dala ho anareo. Magnisia takela-by tare dala ho ahy vatagnareo. Saigno ty lala
mare,le ty lala ze tokone hombagnareo. Miheregna, nareo Isrealy mboe kolo! Miheregna amy tanagnareo reo
agne. [22]Zisik'ombia ro hihonzongozo nareo, nareo anak'ampela tsy manan-pinoa? Fa fa namoro zaka vaovao ho
ahy ty tane ty Yaveh-le ampela magnodidy lahilahy mafe.[23]Yaveh Tompo ty maro, iaze Andrianagnahare i Israely,
le mivola tihoe: "Laha minday ty vahoake mihere amity tane gniereo raho, le hivola izay agne amity tane i Joda
naho reo tana-bevata gniereo tihoe: 'Lonike hiahy anao ty Yaveh, iriha ty toera mare ze itobohane, iriha ty
vohitse masy.' [24]Fa hirae toboke agne Joda naho reo tanane iaby, manahake reo mpambole naho reo mpiarake
agnodry miarake amy reo agnodry aman'ose. [25]Fa hagnomey rano hinome reo ndaty rerake raho, vaho hampino
reo ze maeake ty arandrano raho."' [26]Tafara izay le nifoha raho, vaho nahatsapa fa nahavelombelo ty roroko.
[27]"Ingo, niavy ty andro-izay ro fitalilia Yaveh-ze hintogisako reo foko Israely naho Joda reketse reo tarana n'ondaty
naho bibily. [28]Taloha agne, le naraheko maso iereo mba hagnombota iereo naho hamoteha iareo, mba handrava,
hamoteha, vaho hagnisian-draty iereo. Fa amity andro ho avy, le hiambe iereo raho, mba hanangana iereo naho
hambole iereo-izay ro fitalilia Yaveh.[29]Amy reo fotoa reo le tsy hisy na ia na ia hivola sasy tihoe: "Nitava
voaloboke madiro reo rae-aman-drene, kanefa ty nife gniereo kolo ro nangitsy.' [30]Fa ty ndaty kiraidraike le ho
mate ty hadisoane avao; ty ndaty iaby ze mihina voaloboke madiro, le hangitsy ty nifine.[31]Ingo, niavy ty fotoa-izay
ro fitalilia Yaveh-ze hagnoregnako fagnekea vaovao amity longo Israely naho ty foko ndre Joda. [32]Tsy hanahake ty
fagnekea ze naoreko tamy reo rae gniereo tamity andro ze nindaisako iereo mba hampiboaha iereo tamity tane
Egypta ao. Reo ro andro ze namoteha gniereo ty fagnekeako, na le valy tamy iereo aza raho-izay ro fitalilia Yaveh.
[33]Fa izao ro fagnekea ze haoreko miarake amity foko Israely afara reo andro reo-izay ro fitalilia Yaveh:


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Hampitoboke ty liliko agnate iereo ao raho vaho hanoratse izay am-po gniereo ao, fa ho Zagnaharene raho, vaho
ho vahoako iereo. [34]Le tsy hagnanatse ty mpiara-belo amine sasy ty lahilahy kiraidraike, na hagnanatse ty
rahalahine ty lahilahy raike ka hivola tihoe: 'Haio Yaveh!' Fa ie iaby, manomboke amity kele vatane amy gniereo
ka zisikagne amity bevata vatane, le hahay ahy-izay ro fitalilia Yaveh- fa hagnenga ty hadisoa gniereo raho tsy
hahatiaro ty hadisoa gniereo sasy."[35]Izao ro safagne Yaveh-Yaveh, ro iaze mampibaliake ty masoandro amity
andro vaho mandamy ty vola naho reo kinta hamiratse ty hale. Ire iaze mampihetseke ty riake mba hitre ty onja
gnizay. Yaveh Tompo ty maro ro agnarane. Izao ro safagnane: [36]"Laha mba manjavo amasoko eto reo zaka
maharetse reo-izay ro fitalilia Yaveh-le hitofa zisikagne tsy ho firene agnoloako eo ty foko Israely."[37]Izao ro
safagne yaveh: "Laha mba azo metare ty lagnitse abo vatane, vaho laha mba hisake ty fagnambanea ty tane, le
hagnary reo foko Israely iaby naho ze iaby ze nanoene raho-izay ro fitalilia Yaveh."[38]"Ingo, ho avy ty andro- izay
ro fitalilia Yaveh-ze hagnamboara ndraike ty tana ho ahy, manomboke ao amity Tilikambo Hananela ka zisikagne
amity vavahady an-jorone. [39]Le hiboake zisikagne lavitse ndraike ty tsipike fimetara, zisikagne amity haboa
Gareba naho magnodidy ani Goa. [40]Ty baibo reo fate naho lavenoke iaby, vaho ty faretse ty baibo iaby miboake
mbagne amity baibo Kidrona ka hatragne lavitse agne amy reo zoro ty vavahady ntsovaly agne antignana, le ho
atoka ho ahy Yaveh. Tsy hombota ty tagna na ho rava ndraike, zisikagne."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 32

[1]Bakamy ndre Jeremia ty tsara bakamy Yaveh tamity tao faha folo mpanjaka ndre Zedekiah mpanjaka ndre Joda,
ty faha folo valo amby ty tao nanjaka ndre Nebokadnezara. [2]Tamizay fotoa zay, le nanao hazalambo Jerosalema
ty miaramila ty mpanja i Babylona, vaho re Jeremia mpaminane le nigadrae tao amity kianja ty fiambena tao an-
tragno ty mpanjaka ndre Joba.[3]Nigadray Zedekia mpanjaka ndre Joda reke le nitsara tihoeke: " Nanao akore iriha
ro naminane naho nitsara tihoe: Yaveh nitsara tihoeke: Ingo, andeha homeiko ho eo an-tagna ty mpanjaka i
Babilona toy tanà toy vaho resene. [4]Tsy hilay ty tagna iereo Kaldeana re zedekia mpanjaka ndre Joda, vaho azo
antoke te homey ho eo an-tagna ty mpanjaka i Babilona reke. ty fitavane le hitsara amity fitava ty mpanjaka, reo
masone hahisake ty fanjo ty mpanjaka. [5]Hangalake andre Zedakia hoagne Babilona reke, vaho hijano agne reke
zisike hidareako amine-zay ro fagnambara Yaveh. Na hialy hanohetse reo Kaldeana kea nareo, le tsy ho afake
nareo. "[6]Nanao tihoeke Jeremia. " Avy tamako ty tsara ndre Yaveh, mitsara tihoe:[7]Ingo, hanamela anadahy ndre
Saloma rahalahy Babanao mamonje anao vaho mitsara tihoe " Vilio hoahy ty vatao ty baiboko agne anatota, te
manan-jo hivile an'ny zay riha. """[8]Vaho, arake ty nambara ndre Yaveh, Hanamela, anae lahy ty kely Babako,
namonje ahike tao amity kianja ty fambe, arake nitaliline tamiko tihoe: " vilio ty baiboko ze agne anatota ao
amity tane ndre Benjamina, te anao ty zo handova zay, vaho ty zo hivile le anao, vilio hoahy ty vatanao zay, vaho
haiko te tsara Yaveh zay. [9]Le niviliko ty Baibo tao Anatota bak'amy ndre Hanamela, anadahy ty kelebababako,
nilanjako ho aze ty volafote, folo fito amby te sekele ro lanjane.[10]Le nanoratse horon-taratase vaho nagnise
tombo-kase zay raho, vaho nana vavolombelo nintsanga vavolombelo ty amy zay raho. vaho nandanja ty volafote
amity fandanja raho.[11]Le nangalake ty raharaha ty varotse voatomboke-kase raho, magnarake ty lily naho reo
fifeheza, miarake amity raharaha tsy voa tomboke- kasa.[12]Nagnomey ty horon-taratase voa tomboke kase andre
Baroka anadahy ndre Neria anadahy ndre Mahaseia teo agnoloa ndre Hanamela raho, anadahy i kelebababako,
naho reo vavolombelo ze nanoratse ty horon-taratase voa tomboke kase, vaho teo agnoloa reo jiosy ze nitoboke
teo an-kianja ty fiambena.[13]Le nandily andre Baroka teo agnatreha iereo raho. Nanao tihoeke raho: [14]Yaveh
Tompo ty maro, Andragnahare 'Israely ro mitsara zao: " alao reo horon-taratase reo, ty rosia ty varotse ze
voatombo-kase naho ty dika mitove tsy voatomboke kase amity raharaham-barotse, vaho apoho agnate sine
tanemanga zay mba aharitse fotoa ela. [15]Te Yaveh Tompo ty maro, Andragnahare Israely, mitsara ty hoeke: reo
tragno, reo baibo,reo tanem-boaloboke le mbo hovily ndraike eto amitoy tane toy."[16]Tafara ty nagnomeizako
andre Baroka anadahy ndre Neria ty rosia ty varotse, le nivavake tamy i Yaveh raho le nitsara tihoe: [17]" Loza, ry
Tompo Yaveh! Ingo! Iriha raike ro namboatse ty lagnitse naho ty tane tamy ty alala ty herenao foloay naho ty
vatanao nisandratse. Tsy misy raharaha ze tsy naranao le sarotse taminao kea ty namboatse aze.[18]Nampiseho
fagnekea azo antoke tamity arivone Iriha vaho mamale ty fahadisoa reo ndaty tamy reo ananane tafara iereo.
Iriha ro Andragnahare bey naho mafe; Yaveh Tompo ty maro ro agnaranao.[19]Befoloay amity fahendrea Iriha
vaho mafe amy reo asa. Te mivoha amity lala ty vahoake iabe ty fanjonao, mba hagnomey ndaty kiraikiraike ze
matahotse ty fitondran-tegnane naho ty asane. [20]Nanao fahaiza naho fahatsereha maro tao amity tane ty Egypta
Iriha. Amy zao fotoa zao ao Israely vaho eo amity ondate iaby, le nampalaza ty agnaranao Iriha. [21]Te nanday ty
Israely vahoakenao hiboake ty tane Egypta Iriha miarake amy reo fahaiza naho fahatsereha, miarake amity
tagna- mahere, naho miarake vata mitsanga, vaho miarake amity fampitahora befolay.[22]Le nomeinao aze re toy
tane toy-ze nifantanao tamy reo razambeine te homey aze reo-le tane atsike ro nononako tantele. [23]Le nizilike
iereo le nangalake zay ho fanagna. Te tsy nijanje ty feonao iereo na niay tao apo ty fanaova ty fifehezanao. Tsy
namboatse na ino na ino amizay nandilianao aze reo ho namboare iereo, naho zay le nanday loza teo amy iereo
Iriha.[24]Le Ingo! Reo tovon-tane le tafakatse tegne amy tanà hisambotse zay. Te noho ty mesabey, kere, vaho arete-
handane, le nomey ho eo an-tagna ty Keldeana ze miale amine ty tanà. Te zay nitsarainao handane le miseho,
vaho ingo, mivamba riha. [25]Vaho nanao tihoeke tamiko riha: "Mivilia baibo hoahy ty vatanao amity volafoty vaho
managna vavolombelo hitsanga vavolombelo ty amy zay, na le handeha ho mena ho eo an-tagna reo Kaldeana ka
ty tanà toy.[26]Bakamy ndre Jeremia ty tsara i Yaveh, manao tihoeke: [27]"Ingo, Iraho ro Yaveh, Andragnahare ty
ondaty iaby. misy zaka sarotse tsy aiko ambara va? [28]Kea zao ro talily i Yaveh tihoeke: " Ingo, handeha hagnomey
any toy tanà toy ho eo am-pelantagna reo Kaldeana naho Nebokadnezara, mpanjaka ndre Babilona Raho.
Handrese zay reke.[29]Reo Kaldeana ze miale amity tanà toy le hoave vaho handrehetse afo amity tanà toy naho
hagnoro zay. Niarake amy reo tragno eo amy tafo ze hivavaha reo vahoake tamy ndre bala vaho nandrarane
fagnatetse inome hoahy reo andranagnahare hafa mba ikahiaha ahike. [30]Te ty vahoake ndr' Israely naho ty Joba
le vahoake ze nanao rate teo amy fajatsiko vatane zisike amity fahatanorane. Te fa nanafitohy ahike tamity alala
ty fatao reo tagnane vatane ty vahoake ndr'Israely-zay ro fagnambara i Yaveh.[31]Nambara i Yaveh te toy tanà toy
hatramy ty andro nagnoregna iereo aze le fikaiha ty fasiakene naho ty faharomotane. Le zay avao reke zisike


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

amy henane zao. Naho zay le ho alako tsy ho eo agnoloa ty vatako zay[32]noho reo haratia ty vahoake ndr'Israely
naho Joda, reo raharaha natao iereo hikaike Ahike- iereo, reo mpanjakane, mpisorone,mpaminane, naho reo
ndaty iabe ao Joda vaho ty mpitoboke i Jerosalema.[33]Magnomey lambose ahike iereo fa tsy mba ty lombahe na
nampianatse aze reo tamy sitram-po ka raho. Niezake nampianatse aze reo Raho, te tsy nisy na raike amy iereo,
mba handoto zay. [34]Nametrake reo sampe mampangaroharo tao an-tragnoko ze kinaike tamity agnarako iereo,
handoto zay. [35]Nagnore toera ambone hoahy ndre Bala tao amity vavabaibo ndre Bena Hinoma iereo mba
hagnoroa reo anadahine naho anak'ampelane hoahy ndre Molesa. Tsy tao an-tsaiko vatane tihoeke hanao zay
raraha mampangaroharo zay iereo vaho le nampanota andre Joda.[36]kea amy henane zao, Iraho, Yaveh,
Andragnahare ndr'Israely, ro mitalily zao mikasike toy tanà toy, tanà ze talilinareo tihoe: Nomey ho eo an-tagna
ty mpanjaka ndre babilona zay tanà zay amity alala ty mesa bey, kere vaho arete- mandane. [37]Ingo, hamore aze
reo agne amity tane iaby ze nandroasako aze reo tagnate ty hasiako, faha romotako vaho fahasiahako bey Raho.
Handeha hampipole aze reo amy zay toera zay Raho vaho ahafaha iereo miay am-pilamina.[38]Le ho ndatiko iereo,
vaho Iraho ho Andragnaharene[39]Hagnomey arofo raike naho lala raike mba hagnomeza hase Ahike isan'andro ho
aze reo Raho le ho soa ho aze reo naho ty fokone agne afara zay. [40]Le hanao fifagnekea zisik'amparane miarake
amy iereo Raho, ze tsy hagnasoavako ty fanaovako soa aze reo. Hametrake ty hase ze Ahike ao agnarofo iereo
Raho, mba tsy hivalike Amiko zisik'amparane iereo.[41]Le hifale amity fagnasoavako aze reo Raho. Hampitoetse aze
reo ao amy toy tanà toy am-pahatokisa Raho amity arofo iabe naho ty fiaiko iabe. [42]Te Yaveh mitsara zao:
manahake ty nandeseko zao loza iabe zao eo amy vahoake reto, le manahake zay kea ro handesako ty raharaha
soa iabe amy iereo ze nitaliliako te ho amboareko amy iereo.[43]Vaho hise baibo ho vily amy toy tane toy mba toy,
ze tsy misy na ndaty na biby. fanomey teo antagna reo Kaldeana toy" [44]Hivily baibo hovily amity volafote, iereo
vaho hanoratse amity horon-taratase voatomboke kase. Hamore vavolombeloko ao amity tane ndre Benjamina
iereo, ty magnodidy i Jerosalema iabe tanà ndre Joda, agne amy reo tanà agne amity tane kaboagne naho reo
tane lemake amy sisine, vaho ao an-tagna ndre Negeva. Te hampimpole reo fanagnane Raho- zay ro fagnambara i
Yaveh.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 33

[1]Le ave fagnindroane tamy ndre Jeremia ty tsara i Yaveh, laha mbo voa hily teo amity kianja ty mpiambe reke,
manao tihoe: [2]"yaveh ty mpihare, mitalily zao- Yaveh, ze mandame hampitoetse-Yaveh ro agnarane,[3]'Kaiho Raho,
le hovaleako Riha.Hanehoako raharaha befoloay aminao Raho, raharaha-mivone ze tsy takanao.'[4]Fa Yaveh,
Zagnahare Israely, mivola izao mikasike ty tragno amity tana toy naho ty tragno ty mpanjaka ndre Joda ze
niravae naho ty fiakara ty fahirano naho ty meso, [5]'Bakeo reo Kaldeana hialy vaho hameno reo tragno amy reo
fate ondaty ze hovonoeko amity siake naho ty heloko, lahafa maminy ty tareheko amity tana toy raho naho ty
faharatia iereo iaby.[6]Fe ingo, hinday fagnasitragna naho fagnafane raho, fa hagnasitra iereo raho vaho hinday
bey, fiadana, vaho fagnekea matoky. [7]Fa hagnere ty harea ndre joda naho Israely raho; hagnore iereo manahake
ty tane am-panomboha raho. [8]Le hagnalio aze amity hadisoa iaby ze nanoe gniereo tamiko raho. Hagnenga ty
hadisoane iaby ze nanoene tamiko raho, vaho ty lala iaby ze nilierene handietse ahy. [9]Fa ty tana toy le ho hinjare
zaka mahafale ahy, antsa fidera naho hasy ho ahy ty firene iaby amity tane toy ze hijy ty zaka soa iaby ze
hoanoeko ho ahy zay. Le hatahotse naho hangitikitike iereo naho ty zaka soa iaby naho fiadana ze hameako
izay.'[10]Izao ro safagne Yaveh, 'Eto amity toera toy ze volagnenao amizao tihoe: "Lao zay, toera ze tsy misy na ndaty
na biby," egne amy reo tana ndre Joda, vaho amy reo lala i Jerosalema ze lao tsy misy ndaty na biby, le ho rey
ndraike [11]ty feo ty fifalea naho ty feo ty hafalea, ty feo ty mpampiakatse naho ty feo ty ampakare, ty feo reo ze
mivola, iaby minday fagnatetse fisaora an-tragno Yaveh ao,"Misaora ani Yaveh Tompo ty maro, fa soa Yaveh, vaho
ty fiteane tsy mete lembeke haharetse zisikagne!" Fa iraho hagnere ty harea iaze tane manahake ty taloha,' hoe
Yaveh[12]Zao ro talilie Yaveh Tompo ty maro tihoe: "Amity toera lane toy eto, ze misy na ndaty na biby tehenane-le
hisy ahetse ze afake hampitofa iereo ze mpiarake agnodry ty agnondry aman'osene ndraike amity tanane iaby eo.
[13]Amy reo tanam-bevata reo eo amity tane haboa, reo tane kolemake, vaho ty Negeva, amity tane ndre Benjamina
eo naho amity magnididy ani Jerosalema iaby, vaho agne amy reo tana ndre Joda, reo agnondry aman'ose le
handrio ndraike ambane ty tane gniereo eo ze hagnisa iereo,' hoe Yaveh.[14]Ingo! Avy ty andro-izao fitaliliayaveh-ze
hanovako ze nampagnatenako tamity longo Israely naho ty foko ndre Joda. [15]Amy ze fotoa naho andro zay le
hampitiry rantsa ho ahy ndre Davida raho, vaho hagnantaterake ty rarene naho fahitia amy iaze taney eo reke.
[16]Amy ze andro zay le ho vonje ty Joda, vaho i Jerosalema hiay am-pilamina, fa izay ro hikaiha aze,"Yaveh ro
fahitiantika."[17]Fa izao ro volagne Yaveh: 'Ty ndaty bakamity foko ndre Davida le tsy hijale anake lahy na ombia na
ombia hitobohake amity seza fiankina ty foko Israely eo, [18]na ndaty bakamity Levita mpisoro le tsy ho tsy ampe
agnoloako eo mba hananga fagnatetse oroa, hagnoro fagnatetse hohane, vaho hagnatanterake fagnatetse vare
amity fotoa iaby."[19]Niavy tamy Jeremia ty safa gn'Yaveh, manao tihoe: [20]"Izao ro volagne Yaveh:'Laha mahavita
manimba ty fagnekea matokiko andro aman'ale riha ka tsy hisy sasy andro na hale amity fotoa iharoa gniereo,
[21]le hahavita mandrava ty fagnekea matokiko tamy ndre Davida mpanompoko riha, ka le tsy hana gnanake lahy
hitoboke amity seza fiankinane eo sasy reke, vaho ty fagnekeako matoky tamy reo Levita mpisoro, mpanompoko.
[22]Manahake reo miaramila ty lagnitse ty hay isafe, naho faseke agne antsisin-driake tsy azo mentare, ro
hampitomboako ty foko ndre Davida mpanompoko vaho reo Levita ze nanompo tagnoloako eo.[23]Niavy tamy
Jeremia ty safa gn'Yaveh, manao tihoe: [24]"Tsy nidinehenao vao ze nitalilie o vahoakeo lahafa nivola iereo tihoe;
'Reo fianakavian-droe ze nifilie Yaveh reo amizao le nilierene iereo rey?' Amy zay ro anaova gniereo tsisy dikane
ty ndatiko, volagne iereo fa tsy firene amasoko eo sasy iereo.[25]Iraho, Yaveh, ro mivola izao,' LAha tsy nagnore
fagnekea matoky amity andro naho amity hale raho, vaho laha tsy nampitoboke lily ho ahy ty lagnitse naho ty
tane, [26]le nilietse ty foko ndre Jakoba naho Davida mpanompoko raho, vaho tsy ninday ho ahy iereo ndaty
hanampake magnere ty foko Abrahama, Isaka, vaho Jakoba. Fa hagnere reo hareane vaho haneho
fitsetsevagn'arofo amy iereo raho.""



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 34

[1]I vola ze niavy tamy ndre Jeremia bakamy Yaveh, lahafa nanaga gnaly tamy Jerosalema naho ty tanane iaby ty
Nebokadnezara mpanjaka i Babylona naho ty tafine iaby, niarake tamy reo fanjaka ty tane iaby, reo firene
ambane fahefane, naho ty vahoa gniereo iaby, nanao tihoe: [2]'Yaveh, Zagnahare Israely, le misafa izao: Mandehana
vaho mivolagna amy ndre Zedekia mpanjaka i Joda vaho volagno amine tihoe: "Yaveh le misafa izao: Ingo,
hagnomey ty tana toy ho ampelan-tagna ty mpanjaka i Babylona eo raho. Horoane zay. [3]Tsy ho afake an-tagnane
eo riha, tefa ho voasambotse vatane riha vaho hamea an-tagnane eo. Hagnete ty maso ty mpanjaka i Babylona ty
masonao. hivola mivanta aminao reke laha mba Babylona mbeo riha.'[4]Njigno ty safa Yaveh, ty Zedekia mpanjaka
i Joda! Yaveh le misafa izao mikasike anao:
[5]Ho mate am-piadagna riha. Manahake ty fagnoroa tamity fandevegna an-drazagnao reo, reo mpanjaka
talohanao, le ho roa gniereo ty vatanao. Hivola iereo tihoe: "Loza, ty tompoko!" Handala anao iereo. Amizao lefa
nivola raho-izay ro fitalilia Yaveh."[6]Kea nitalilie ndre Jeremia mpitokine tamy Zedekia mpanjaka i Joda tagne
Jerosalema reo vola iaby reo. [7]Nialy tamy Jerosalema naho reo tana sisa ndre Joda ty tafike ty mpanjaka i
Babylona: Lakisy naho Azeka. Reo tana ndre Joda reo le ninjare ho tana mimanda.[8]Ty safa ze niavy tamy Jeremia
bakamy Yaveh tafara ty nanova ndre Zedekia mpanjaka fagnekea tamity ndaty iaby tao Jerosalema, mba hitalily
fahafaha amy iereo [9]fa ty ndaty kiraidraike le tsy maintsy magnafake reo ndevone Hebreo, na lahilahy na
ampela, mba tsy hisy hagnandevo ty jiosy, ze rahalahine.[10]Noho zane reo mpintarike iabe naho ty ndaty mizilike
tany ty fagnekea ty ndaty kiraikiraike aby le hagnafake ty ondevone lahilahy naho ty ondevone ampela mba tsy
ho andevoze sasy iereo nagnina iereo vaho nagnafake aze reo. [11]Te tafara atoy niova ty vetsevetse iereo nampoly
iereo ty ondevo ze navota iereo. Sinere iereo ho lasa ondevo ndraike iereo[12]Kea le avy tamy ndre Jeremia ty tsara
Yaveh, nanao ty hoeke: [13]" Yaveh, Andrianagnahare Israely, le misafa izao:'Iraho le nanao fagnenkea tamy reo
razagnareo tamity andro ze nindaisako iereo hiboake ty tane Egypta, hiboake ty tragno ty fagnandevoa. Izay le
tamy iraho nitsara tihoe: [14]"Isake ty fara ty fito tao ty ndaty kiraidraike, le tsy maintsy mandefa ty rahalahine, ty
Hebreo ragnene ze nivarotse ty vatane taminao naho nanompo anao zisike ty enen-tao. Angaho hindeha an-
kalalaha reke." Fa reo razagnareo le tsy nijy ahy na nanon-gilan-tsofy tamiko.[15]Tehenane nareo nifona vaho
nanomboke nanao ze mare tamasoko eo. Nitalily fahavotora nareo, ty ndaty kiraikiraike baka tamity tanà-raike
tamine tragno ze kaihe amity agnarako nareo. [16]Te bak'eo nareo nivalike vaho nandoto ty agnarako; natanareo ze
hampipolia ty ndaty kiraikiraike ty ondevo lahy naho ampela, reo ze nalefanareo handeha agne amy ze niry
iereo. Niserenareo ho lasa ondevonareo ndraike iereo.'[17]Naho izay ty Yaveh le mitalily zao:'Nareo vatanareo le tsy
nijanje Ahike. Tokone nagnambara fahavotora tamy reo rahalahinareo naho reo Israely namanareo nareo, ty
kiraikiraike bak'aminareo. Kea ingo! Hagnambara fahavotora aminareo Raho-zay ro fagnambara i Yaveh-
fahavotora amy meso bey, ty arete handane, naho ty kere, satria hoave nareo ho raharaha mampagnorihy eo
amity fanjo ty fanjaka iabe eto an-tane raho. [18]Bakeo le hifagnarake amity ndaty ze nandrava ty fagnekeko Raho,
ze tsy niambe ty reo safa fagnekea ze natoboko tagnoloako lahafa nizara agnombe lahy ho roe iereo vaho
nindeha tagnelagnela izay, [19]vaho bakeo reo mpitarike i Joda naho Jerosalema, reo tandapa naho mpisoro, vaho ty
ndaty iaby tamy taney ao le nindeha tagnelagnela i agnombelahy fa vitateteke.[20]Hoameako an-tagna reo
fahavalone iereo naho ho eo antagna reo ze te hamono ty ay iereo. Ho hane ho ahy ty voro ty mbambangoagne
naho reo bibily ty tane ty vata gniereo. [21]Naho izay le hoameako an-tagna reo fahavalone eo naho an-tagna ty reo
ze nila ty fiay iereo, naho an-tagna ty tafike ty mpanjaka iBabylona eo ze nitsanga handietse anareo i Zedekia
mpanjaka ty Joda naho reo mpitarine. [22]Ingo, handefa komandy raho-izay ro fitalilia Yaveh-vaho hagnere iareo
amity tana toy mba hananga aly handietse izay naho hangalake izay, vaho mba hagnoro izay. Fa iraho le
hamalike reo tana ndre Joda ho toera rava ze tsy hisy ndaty."'

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 35

[1]Niavy tamy Jeremia ty tsara Yaveh tamity andro ndre Joiakima anake lahy ndre Josia mpanjaka i Joda, nanao
tihoe: [2]"Mandehana agne amity longo reo Rekabita vaho mivolagna amy iereo. Bakeo indeso ho atoy amity
tragnoko iereo, ao amity raike amy reo efetse ao, vaho omeo divay honome gniereo."[3]Kea le nalaeko Jazania
anake lahy ndre Jeremia anake lahy ndre Habazinia naho reo rahalahine, ty anane lahy iaby, vaho ty longo reo
Rekabita. [4]Nindeseko tao amity tragno Yaveh iereo, tao amity efe gnireo anake lahy ndre Hanana anake lahy ndre
Jigdalia, iaze lahilahy Nagnaharey. Reo efetse reo le tagnila ty efe ty mpitarike, ze ambone ty efe ndre Mahaseia
anake lahy ndre Saloma, iaze mpiambe vavahady.[5]Vaho natoboko tagnoloa reo Rekabita reo basiny naho kapoake
vaho nivola tamy iereo tihoe: "Minoma divay." [6]Feie hoe iereo tihoe: "Tsy hino divay zahay, tefa ty razagnay, i
Jonadaba anake lahy ndre Rekaba, ro nandily anay tihoe: " Ko mino divay zisikagne, na inareo na ty tarananareo.
[7]Ko mananga tragno, mitongy voa, na mambole tanen-boaloboke avao kea, tsy ho anareo zay. Fa inareo le tsy
maintsy hitoboke agnate lae zisike ty andrognareo iaby, mba hitobohagnareo ela amy iaze taney eo ze
itobohagnareo manahake ty ambahiny.'[8]Fa nagnenke ty tsara ndre Jonadaba anake lahy ndre Rekaba, razagnay
zahay, tamy ze iaby nandiliane anay, mba hino divay zisike ty adrom-piaignanay iaby, zahay, reo valignay, reo
anake lahy, vaho reo anak'ampelagnay. [9]Tsy hananga tragno hitoboha mihintsy zahay, vaho tsy hisy tanem-
boaloboke, baibo, na voa ho hanagnanay. [10]Fa niay tagnate lae zahay vaho fa nagnenke naho nahavita ze iaby
nandilia ndre Jonabada razagnay. [11]Feie lahafa nanafike iaze tane ty Nebokadnezaray ty mpanjaka i Babylona, le
hoe zahay tihoe:'Avia, tsy maintsy ho agne Jerosalema tika mba hilay reo tafike ty Kaldeana naho Syriana.' Kea
nitoboke tao Jerosalema zahay."[12]Bakeo le niavy tamy Jeremia ty tsara Yaveh, manao tihoe: [13]"Yaveh tompo ty
maro, Zagnahare Israely, le mivola izao:
[14]Reo tsara i Jonadaba anake lahy ndre Rekaba ze nameane ty anane lahy ho lily, tsy hino divay, le hisake zisike
zao fotoa zao. Nagneke ty lily ty razagne iereo. Fa laha ty amiko, iraho vatako le fa nanao fitalilia zisikagne
taminareo, feie tsy minjajy ahy nareo.Nagnirake reo mpanompoko iaby, reo mpitoky taminareo raho. Sarotene
raho tamity fandefasa iereo hivola tihoe: 'Ao ty ndaty kiraidraike hiala amity fomba ratine ka hanao ty asa soa; ao
tsy hisy hagnorike Zagnaharen- kafa vaho hanompo iereo sasy. Fa miheregna kea agne amy iaze tane ze nameako
anareo naho ty razagnareo.' Na izay aza mboe tsy hijy ahy na ho kosantire amiko nareo. [16]Nefa reo foko ndre
Jonadaba anake lahy Rekaba lefa niambe reo lily gnireo razagniereo ze namea iereo, feie nilietse ty hijy ahy
vahoake reo."'[17]Kea nitsara ezao Yaveh, Zagnahare Tompo ty maro naho Zagnahare Israely tihoe: 'Ingo, indeseko
amy Joda eo naho ty ndaty iaby miay a Jerosalema ao reo loza iaby tinogneko satria nivola tamy iereo raho, feie
tsy nijy iereo; nikaike iereo raho, feie tsy namale iereo.'"[18]Hoe Jeremia tamity foko reo Rekabita tihoe: "Yaveh
tompo ty maro, Zagnahare Israely, le mitsara izao: Nijy reo lily ndre JOnadaba razagnareo nareo vaho niambe
aze iaby-nagneke ze iaby nandiliane ho anoenareo nareo- [19]kea Yaveh tompo ty maro, Zagnahare Israely, le
mitsara izao: 'Tsy maintsy hisy ndaty avy amity foko ndre Jonadaba anake lahy ndre Rekaba hanompo ahy
zisikagne.'"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 36

[1]Vaho tamity tao fahefatse nanjaka i Joiakima anake lahy ndre Josia mpanjaka i Joda, ro nahavy ze vola bakamy
yaveh zao tamy Jeremia, vaho hoe reke: "Mangala filima raike ho anao vaho sorato amy zay ao ty tsara iaby ze fa
nivolagneko anao mikasike ani Israely naho Joda, vaho ty firene iaby. Anovo izay ho ahy ty azaka iaby fa
nivolagneko nanomboke tamity andro Josia ka zisikamity andro toy. [3]Vasa hijanjy ty loza iaby ze dinineko indese
amy iereo eo ty ndaty Joda. Vasa hivio amity lalandratine avao ty ndaty iaby, kale afake ty hadisoane naho ty
fahota gniereo raho."[4]Vaho nikaike andre Baroka anake lahy ndre Neria ty Jeremia, vaho nisorate ndre Baroka
tagnate filima ao ty tsara iaby ze nivolagne Yaveh tamy Jeremia. [5]Bakeo le nagnomey komandy andre Baroka ty
Jeremia. Hoe reke:"Atragno maieke ato raho vaho tsy afake mba tragno Naganare mbeo. [6]Kea tsy maintsy
mandeha riha vaho hamaky ty tsara ze nitognoneko vaho nisoratenao tagnate taratasy. Amity andro ty fifalian-
kane, le tsy maintsy vakienao an-tsofy ty vahoake eo an-tragnone ao ty tsara Yaveh, vaho an-tsofy i Joda eo iaby
ze bakamity tana avao kea. Talilio iereo tsara reo.[7]Vasa ho avy agnoloa Yaveh avao ty fangataha iereo famindra
fo. Vasa hiala amity lalan-dratine avao ty ndaty kiraidraike, satria mafe ty siake naho ty vignetse ze fa nitalilie
Yaveh tamy reo vahoane reo." [8]Kea le nanoe ndre Baroka anake lahy ndre Neria ze iaby nandilia ndre Jeremia
mpitoky hatao. Nivakiene mafe tatragno Yaveh reo tsara i Yaveh.[9] vaho tamity faha sive ty tao faha dime nanjaka
ndre Joiakima anadahy ndre Josia mpanjaka ndre Joda, ro nagnambarane ze avy tao Jerosalema bak'agne amy
reo tanà ndre Joda ty fifalia-hane ho hase i Yaveh. [10]Novaky ndre Baroka mafe tao an-tragno i Yaveh ty tsara ndre
Jeremia, bak'eo amity efitragno ndre Gemaria anadahy ndre Safana mpanoratse fifeheza, tao ambone ty kianja,
marine ty vavahade filira ty vahoake iabe zay.[11]Vaho janjy ndre Mikaia anadahy ndre Gemaria anadahy ndre
Safana ty tsara Yaveh iabe tao amity horon-taratase [12]Nijotso tagne an-tragno ty mpanjaka reke, teo amity efitse ty
mpitanjake soratse. Indreo, te nitoboke teo iaby ty manam-pahefa iaby:Elisama mpitanjake soratse, Delaia
anadahy ndre Samaia, Elnatana anadahy ndre Akbora, Gemaria anadahy ndre Safana, naho Zedekia anadahy
ndre Hanania, vaho ty manam-pahefa iabe.[13]Vaho nivitaine ndre Mikaia tamy reo ty iabe ze janjine ze novaky
ndre Baroka mafe tao an-tsofy ty vahoake. [14]Vaho nalefa reo manam-pahefa iaby ho agne amity Baroka ndre
Jehody anadahy ndre Netanaia anadahy ndre Selemia anadahy ndre Kosa. Nanao tihoeke ty Jehody tamy ndre
Baroka: Rambeso eo an-tagnanao ty horon-taratase, le ty horon-taratase ze nivakine teo an-tsofy ty vahoake, vaho
avia. " Vaho Baroka anadahy ndre Neria nandrae ty horon-taratase tegne amy reo manam-pahefa.[15]Vaho nanao
tihoeke iereo tamine: "Mitoboha vaho vakio eto an-tsofinay toy. "Le novaky ndre Baroka ty horon-taratase.[16]vaho
laha nahajanje reo tsara iabe reo iereo, le nifampivambava matahotse tamy zay teo marine ty ndaty kirakiraike
le nanao tihoeke tamy ndre Baroka: "tsy maintse taonentika amity mpanjaka vatane reo tsara iabe reo." [17]Bak'eo
le nagnotanea iereo ty Baroka tihoe: Talilio anay, tamity fomba manao akore ro nanoratanao reo tsara ze
nitognone ndre Jeremia iabe reo?" [18]Baroka nanao tamy iereo tihoeke: Nitognonene tamiko reo tsara iabe reo,
vaho nisorateko tamity ranomainte teo amity horon-taratase." [19]Vaho hoe reo manam-pahefa tamy ndre Baroka:
"mandehana, mitsiofa riha, vaho re Jeremia kea,lonike tsy hisy ndaty hahaony ty misy anareo."[20]Kea le nitoboke
iereo tao amity efitsy ndre Eliasama mpitanjake soratse ty horon-taratase, vaho nandeha tagne amity mpanjaka
teo an-kianja iereo, le natao iereo teo an-tsofy ty mpanjaka ty raharaha iabe. [21]Vaho nirahine ty mpanjaka
hangalake ty horon-taratase re Jehody. Nalà ndre Jehody tao amity efitsy ndre Eliasama mpitanjake soratse zay.
Bak''eo le novakiene teo an-tsofy ty mpanjaka naho reo manam-paha iabe ze nitsanga teo agnilane zane.
[22]Nitoboke tao amity tragno asotry ty mpanjaka tamity vola faha sive, vaho nisy fata mirehetse teo agnoloane.
[23]Vaho namaky tsangana telo na efatse re Jehody, le notampahy ty mpanjaka tamity meso le naifine tao ampo fako
tao amy toko zisike haharava ty horon-taratase iabe. [24]Fe tsy nampitahotse na ty mpanjaka na reo mpiasane ze
nahajanjy reo tsara iabe reo, na nanatake ty ankanjone iereo.[25]Nandrara ty mpanjaka mba tsy hagnoro ty horon-
taratasere Elnatana, Delaia, vaho Gemaria, te tsy nijanje aze reo reke. [26]Vaho ty mpanjaka nandily andre Jeremela
longone, Saraia anadahy ndre Azriela, vaho Selemia anadahy ndre Abdela mba hanambotse andre Baroka
mpanoratse fifeheza, naho re Jeremia mpitoke, le navone i Yaveh iereo.[27]Vaho bakamy ndre Jeremia ty tsara i
Yaveh tafara ty nagnoroa ty mpanjaka ty horon-taratase naho reo tsara ze nisorate ndre Baroka tamity
fanognona ndre Jeremia, manao tihoeke: [28]"Mipolia, mangalà horon-taratase raike hafa hoanao, vaho sorate ao
amy zane ty tsara iabe ze tao amity horon-taratase voalohane, le ty fa noroa ndre Joiakima mpanjaka ndre Joda.
[29]Vaho tsy maintse talilinao amy ndre Joaikima mpanjaka ndre Joda zao: "Nagnoroanao toy taratase toy, ze
mitalily tihoeke; 'Nanao akore riha ro nanoratse teo amy zay; Hoavy vatane ty mpanjaka i Babilona le handrava
toy tane toy, te haravane na ty ndaty na ty biby ao amy zay'?""[30]Naho zay le zao ro talily i Yaveh mikasike anao, ry
Joiakima mpanjaka ndre joda: "tsy hisy sase amy reo tarananao hitoboke eo amity seza fanampaha ndre Davida.
Laha ty aminao, ty fatinao le haria egne amity hamay ty andro naho egne amity mika ty halike. [31]Teho lilovako


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

riha, ty tarananao, vaho reo mpiasanao noho ty helokareo iabe. Ho andesiko eo aminao, eo amity vahoake i Jerosalema iabe, vaho eo amity ndaty ndre Joda iaby ty loza iabe ze fa nampitahorako anareo, le tsy nambenanareo akore."[32]Le nangalake horon-taratase hafa re Jeremia vaho nomeine andre Baroka anadahy ndre Neria mpanoratse fifeheza zane. Nisorate ndre Baroka tamy zay ty tsara iabe ze tao amity horon-taratase noroa ndre Joiakima mpanjaka ndre joda tamity fanognona ndre Jeremia. mbo nampea tsara maro hafa mitovitovy tamy toy horon-taratase toy.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 37

[1]Vaho re Zedekia anadahy ndre Josia le nanjaka tamy toera ndre Jekonia ana ndre Joiakima. Nebokadnezara
mpanjaka i Babilona ro nanao andre Zedekia ho mpanjaka teo amity tane ndre Joda.[2]Tere Zedekia, reo mpiasane,
naho ty vahoake ty tane le tsy nijanje reo tsara i Yaveh ze nambarane tamy alala ty tagna ndre Jeremia mpitoke.
[4]Vaho avy re Jeremia vaho nandeha eo amity vahoake, satria mbe tsy natao an-tragno maike reke. [5]Bak'agne
Egypte ty miaramila ndre Farao, vaho ty Kaldeana ze nanao haza lambo i Jerosalema le nijanjy ty vaovao
mikasike aze reo le miala tao Jerosalema.[6]Le avy tamy ndre Jeremia mpitoke ty tsara i Yaveh, manao tihoeke:
[7]"Yaveh, Andragnahare ndr'Iraely, mitalily zao: Zao ro ho talilinareo amity mpanjaka ndre Joda, lefa nandefa
anareo hangalake hevetse amiko Reke, Ingo, te fa an-dala himpole hoagne Egypte, ze tanene ty miaramila ndre
Farao, ze avy hagnampe anao. [8]vaho himpole ty Kaldeana. Hiale hanohetse toy tanà toy iereo, hanambotse, naho
hagnoro zay.[9]Nanao tihoeke Yaveh: ka mamitake ty vatanareo amity fitaliliane tihoeke: 'fa nagnenga anay vatane
reo Kaldeana; te tsy hagnefa iereo. [10]Na le fa naharese reo miaramila ty Kaldeana iabe ze miale taminareo ka
nareo mba horeo lehilahine maratse avao hapoke ao amireo laine, te hirene iereo vaho hagnoro toy tanà toy."[11]Le
tamity nagnenga ty miaramila ty Keldeana i Jerosalema ro nah'avy ty miaramila ndre farao, [12]Le niboake tao
Jerosalema ndre Jeremia mba hoagne amity tane ndre Benjamina. Te nisafiry ty hangalake ty ambakimira amity
tane teo amity vahoakene tao reke. [13]Laha teo amity vavahade ndre Benjamina reke, le teo ty bey ty mpiambe.
Jiria ana ndre Selemia ana ndre Hanania ro agnarane. Nitanjake andre Jeremia mpitoke reke le nanao tihoeke:
"Milaisa reo Kaldeana riha."[14]Fe nanao tihoe Jeremia: "tsy to zane. Tsy nilay reo Kaldeana raho. " Te tsy nijanje
aze re Jermia. Nalane re Jeremia vaho nandesine teo amy reo manam-pahefa. [15]Nasiake tamy ndre Jeremia reo
manam-pahefa. Nifofohe iereo reke vaho nampizilihine tao an-tragno maieke, ze tragno ndre Jonatana
mpanoratse fifeheza, satria nivalike iereo ho tragnomaieke zane.[16]Le natao tao amity efitse ambane ty tane re
Jeremia, ze nijanognane andro maromaro. [17]Vaho nandefa ndaty handay aze ao an-dapa re Zedekia mpanjaka tao
an-tragnone tihoeke:"Misy tsara bak'amy i Yaveh va? "homey eo an-tagna ty mpanjaka ty Babilona riha.[18]Le
nanao tihoeke re Jeremia tamy ndre Zedekia Mpanjaka: "Manao akore ro nanaovako rate taminao, reo
mpiasanao, na toy vahoake toy le nametrahanao tagne an-tagnomaieke? [19]Aia reo mpitokinareo, reo ze nitoka ho
anao naho nitalily te tsy hoavy hanohitse anao na toy tane toy ty mpanjaka i Babilona? [20]Te amy henane zao
nijanjign, ry mpanjaka tompo! Lonike ho avy eo agnatrehanao ty fitoreoko. Ka ampoly agne an-tragno ndre
Jonatanampanoratse fifeheza raho, fa ho mate agne raho."[21]Le nagnomey baibo re Zedekia mpanjaka. Nitanjaha
reo mpiasane teo amity kianje ty mpiambe re Jeremia. Nomey mofo isan'andro bak'eo amity lala reo
mpanamboatse mofo reke, Zisike hahaleny ty mofo iabe teo an-tanà le nitoetse tankianjao ty mpiambe re
Jeremia.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 38

[1]Nahajanje ty tsara nambara ndre Jeremia tamity vahoake iabe re Safatia ana ndre Matana, naho Gedalia ana
ndre Pasora, naho Jokala ana ndre Semelia, vaho re Pasora ana ndre Malkia. Reke le mitalily tihoe: [2]"Yaveh
nitalily zao: Ze iabe mitoetse amy toy tanà toy le ho mate ty meso bey, kere, naho arete mandane. Te ze iabe
mandeha magnagne amy reo Kaldeana le ho velo. Hagnavotse ty fiaine reke, vaho ho velo. [3]Zao ro talily i Yaveh:
tanà toy le homey eo an-tagna ty miaramila ty mpanjaka i Babilona, vaho hanambotse zane reke."[4]Kea nanao
tihoe reo manam-pahefa tamity mpanjaka: "Lonike ho mate toy lehilahy toy, te tamizay fomba zay ro
nagnalefahane ty tagnareo lehilahy mpiale tavela ato amy toy tanà toy, vaho ty tagna ty vahoake iabe.
Magnambara reto tsara reto reke, te tsy niasa hiaro ty vahoakine toy lehilahy toy, fa hoahy ty loza. [5]Le nanao
tihoeke Zedekia Mpanjaka: Ingo, eo an-tagnanao reke satria tsy misy mpanjaka afake manohitse anao."[6]Vaho nala
iereo re Jeremia le nampitsiky tao amity famorian-drano ndre Malkia, anadahy ty mpanjaka. Tao ankianja ty
mpiambe ty famorian-drano. tsy misy rano tao amity famorian-drano, te namotake zane, nilepotse tao amity
fotake reke.[7]Vaho Ebeda-Meleka Kosita le raike tamy reo tandampa tao amity tragno ty mpanjaka. Janjine te
natao iereo tao agnate famorian-drano re Jeremia. Vaho nitoboke teo amity vavahade ndre Benjamina ty
mpanjaka. [8]Kea nandeha bak'ao amity tragno ty mpanjaka re Edena-Meleka vaho niresake tamine. Nanao tihoeke
reke: [9]"mpanjaka tompo, reto lehilahy reto le fa nanao rate tamity fomba nandesane andre Jeremia mpitoke.
Napitsy iereo tao agnate famorian-drano reke mba ho mate ty hakeo ao, satria tsy misy hane sase ao amity
tanà."[10]Le nagnomey baibo andre Ebeda-Meleka Etiopiana ty mpanjaka. Nanao tihoeke reke: " Mandesa lehilahy
telopolo bak'eto vaho avohay bak'ao amity famorian-ndrano re Jeremia aloha ty hahafate aze." [11]Kea nandesa reo
lehilahy iereo vaho nagnagne amity tragno ty mpanjaka, tagne amity tragno fagnajaria akanjo tao ambane ty
tragno. tao reke ro nangalake lamba tatake naho vorotsiky vaho nampizotso aze reo tamity famorian-drano.
[12]Nanao tihoeke re Ebeda-Meleka-Kosita tamy ndre Jeremia: Amboaro eo ambane ty sandrinao naho ty vorotsiky."
Le natao ndre Jereremia zane. [13]Le nisitone iereo tamity taly re Jeremia.Zane ro fomba niboahane iereo aze tao
amity famoriandrano. Ka nijano teo amity tokotane ty mpiambe re Jeremia.[14]Nandefa tsara re Zedekia mpanjaka
vaho nanday andre Jeremia mpitoke nagnagne amine, ho agne amy fidira faha telo ao amity tragno i Yaveh.
Nanao tihoeke mpanjaka tamy ndre Jeremia:" Tehagnotane raraha anao raho. Ka avony ahike ty valine. " [15]Nanao
tihoe Jeremia tamy ndre Zedekia: "Laha mamale anao raho, le tsy hamono ahike vatane va riha? fe laha
magnomey torohevetse anao raho, le tsy hijanje ahike riha." [16]Fe nitantarere tamy ndre Jeremia ty mpanjaka
vaho nitsara tihoe: "laha mbo velo kea i Yaveh, ty nihare antika, le tsy hamono anao raho na hagnome anao eo
antagna reo lahilahy zay mikilily ty fiainao reo."[17]Le nanao tihoe Jeremia tamy ndre Zedekia. " Yaveh,
Andragnaharentika tompo ty maro, Andragnahare Israely nitalily zao: "Laha miala amireo manam-pahefa
mpanjaka i Babylona riha le ho velo, vaho tsy ho may toy tanà toy. Hovelo riha naho ty longonao. [18]Te laha tsy
miala amy reo manam-pahefa ty mpanjaka ndre Babylona riha, le ho amea eo an-tagna reo Kaldeana toy tanà
toy. Horoa iereo zay, vaho tsy ho afake lomay eo an-tagna iereo riha.[19]Nanao tihoke Zedekia mpanjaka tamy ndre
Jeremia: "Fe natahotse ty vahoake ndre Joda ze nilay nagnagne amy reo Kaldeana raho, satria mete ho amea eo
an-tagna iereo raho mba ho tsy asia dikane iereo."[20]Nanao tihoeke: ;Iereo le tsy hagnomey anao eo amy iereo.
Ekeo ty hafa i Yaveh ze talililiko anao, mba ho velo riha. [21]Te laha tsy magneke ty hiala riha, le zao ro naseho i
Yaveh tamiko.[22]Ingo! ty ampela iabe tavela ao an-tragnonao, mpanjaka ndre Joda, le ho andesy hiala amy reo
manam-pahefa ty mpanjaka i Babylona. Hitsara aminao reo ampela reo tihoeke: 'Voa fitake reo namanao riha; fa
nanimba anao ampo fotake ty tombonao, vaho reo namanao le hilay. [23]Te hoandesy hiala eo amy eo amy reo
Kaldeana ty valy amity anakao iabe, vaho ty vatanao le tsy ho afake hilay agne an-tagna iereo. Ho voa sambotse
ty tagna ty mpanjaka i Babylona riha, vaho toy tanà toy le homay."[24]L nanao tihoe re Zedekia tamy ndre Jeremia:
"Ka ampahafatare na ia na ia ty mikasike reo tsara reo, mba tsy ho mate riha. [25]Laha janje ty manam-pahefa te
niresake fa taminao raho, vaho laha avy iereo le mitalily aminao tihoe: Talilio aminay ze nitalilinao tamy ty
mpanjaka, vaho ka avony anay zane, laha tsy zay le ho vonoenay riha. [26]Le tsy maintse hitsara aze reo riha tihoe: '
Nanao fangataha teo agnatreha ty mpanjaka raho mba tsy hampimpole anao ahike agne an-tragno ndre Jonatana
le ho mate agne.[27]Le avy teo amy ndre Jeremia reo manam-pahefa iabe vaho nagnotane aze, le namale aze reo
arake ze natoro ty mpanjaka aze reke. Le nijano niresake tamine iereo, satria tsy nahare ty resa ndre Jeremia
naho ty mpanjaka. Noho zay le nijano teo akianja ty mpiambe re Jeremia zisike iaviane ty andro nisambora i
Jerosalema.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 39

1 Tamity tao fahasive naho vola faha folo nanjaka ndre Zedekia mpanjaka ndre Joda, le ave niarake tamity
miaramilane iabe re Nebokadnezara mpanjaka i Babylona hanohetse i Jerosalema le hanao haza lambo zane.
2 Tamy ty tao folo raik'amby naho vola faha efatse nanjaka ndre Zedekia, tamity andro faha sive ty vola, le
voatafike ty tanà. 3 Le avy le nitoboke teo ampagnivoa ty vavahade ty manam-pahefa ty mpanjaka i Babylona
iabe: Nergala-Sarezera, Samgarnebo, vaho Sarsekima, manam-pahefa bey raike. Re Nergala- Sarezera le manam-
pahefa ambone vaho reo ambine iabe le manam-pahefa ty mpanjaka i Babylona. 4 Vaho la fa nahisake aze reo
Zedekia, mpanjaka ndre Joda, naho reo lahilahy mpialine iabe, le nandositse. Niboake ty tanà bak'eo amity
halike, teo amity vavahade agnelagnela reo lakoro vato roe. Niboake nandeha nagnagne Araba ty mpanjaka. 5 Fe
nagnia aze reo ty miaramila Kaldeana vaho nahatratse andre Zedekia teo amity lemake vavabaibo ty vavarano i
Jordana teo agnila ndre Jeriko. Le nisambory iereo reke le nandesy niakatse tagne amy ndre Nebokadnezara,
mpanjaka i Babylona, tao Ribla tagne amity tane i Hamata, ze nagnomeza ndre Nebokadnezara saze aze. 6 Nivonoa
ty mpanjaka i Babylona tagne Ribla teo amasone vatane reo anadahy ndre Zedekia. Nivonoane avao kea reo
ndaty ambone ndre Joda iabe. 7 Le niharognine ty maso ndre Zedekia vaho nirohizane gadra saba mba handesane
aze agne Babylona. 8 Le noroa reo Kaldeana ty tragno ty mpanjaka naho ty tragno ty vahoake. Nalavo iereo avao
kea ty lakoro vato i Jerosalema. 9 Nebozaradana, mpamehy reo mpiambe arere ty mpanjaka, nanao an-tsesentane
ty vahoake sisa ze nipoke teo an-tanà. Tao agnaty zay reo ndaty ze vaky nagnagne amy reo Kaldeana naho ty
vahoake sisa ze tavela tao an-tanà. 10 Te napo ndre Nebozaradana mpifehy reo mpiambe arere ty mpanjaka hijano
ao amity tane ndre Joda kea reo ndaty mijale loatse tsy nana na ino na ino ho aze reo. Nomeane tanam-boaloboke
naho baibo tamy io andro io avao iereo. 11 Nagnomey baibo mikasike andre Jeremia tamy ndre Nebozaradana
mpifehy reo mpiambe rery ty mpanjaka re Nebokadnezara mpanjaka i Babylona. Nanao tihoe reke: 12 Andeso
reke ze iabe taliline aminao." 13 Kea nandefa ndaty re Nebozaradana mpifehy reo mpiambe arere ty mpanjaka,
Nebosazbana ionoka ambone, Negarala-Sarezera manam-pahefa ambone, vaho reo manam-pahefa ty mpanjaka
ty Babylona ambone loatse. 14 Nandesy reo lehilahine niala bak'eo amity tokotane ty mpiambe re Jeremia vaho
nambigny iereo tamy ndre Gedalia ana ndre Ahikama ana ndre safana handay aze holy, kea le nitoetse teo amity
vahoake re Jeremia. 15 Vaho bakamy ndre Jeremia ty tsara Yaveh teo am-panambora aze teo an-tokotane ty
mpiambe, nanao tihoe: Miresafa amy ndre Ebeda-Meleka Kosita vaho amboaro tihoe: 'Zao ro Talily i Yaveh tompo
ty maro Andregnahare Israely: Ingo, fa hagnatanterake ty tsarako nanditse toy tanà toy ho amity loza te tsy ho
amity soa Raho. Teholefy eo agnoloanareo iabe reo amy zane andro zane. 17 Te hanarombake anao Raho amy zay
andro zay-zay ro fagnambara i Yaveh-vaho tsy ho amea eo an-tagna ty ndaty ze atahoranao riha. 18 Te hagnavotse
anao vatane Raho. Tsy hilavo meso bey riha. hagnavotse ty fiainao riha, satria matoky Ahike- Zay ro fagnambara
i Yaveh."'


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 40

1Avy tamy ndre Jeremia ty tsara avy tamy i Yaveh tafara ty nagnafa ndre Nebozaradana ty mpifehe reo mpiambe
ty mpanjaka aze tagne Rama. Nihisake andre Jeremia nifehy rojo teo amy reo rese i Jerosalema iabe, naho Joda ze
nandesy natao sesetane tagne Babylona. 2Ty bey ty mpiambe nangalake andre Jeremia vaho nanao tamine tiheo:
Nandidy zao loza zao hoahy toy tora toy re Yaveh Andragnaharenao.3Kea nagnaterake zay re Yaveh. Nanao arake
ze nambarane Reke, lefa nareo vahoake le nanao rate tamine vaho tsy nagneke ty feone. Zay ro anto ty isia zao
raharaha zao aminareo ry vahoake. 4Te ingo amy henane zao, magnafake anao amity rojo ze agne an-tragnonao
raho amizao. Laha tonao ty hiarake amiko ho agne Babylona, le ndao, vaho hikarakara anao raho. fa laha tsy to
nao kea ty hiarake amiko ho agne Babylona,le ko anoe zay. Henteo ty tane iaby agnoloanao. Ka mandehana amy
ze soa ze mete amasonao eo."5Lahafa tsy namale Jeremia,le hoe Nebozaradana tihoe: "Mandehana amy Gedalia
anake lahy Ahikama anake lahy Safana agne, ze nampamehe ty mpanajaka Babylona ty tana i Joda. Miaraha
mitoboke amine eo amy vahoake reo na mandehana amy ze teanao handehana agne. "Nagnomey hane naho zaka
ho aze ty mpifehe ty mpiambe tympanjaka, vaho bakeo le nandefa aze. 6Kea le nandeha amy Gedalia anake lahy
Ahikama agne, a Mizpa agne ty Jeremia. Nirae toboke tamine tamy vahoake ze sisa velo reo tamy i tanay re.7Vaho
laha mbo tagne ambane vohitse ty mpifehe reo miaramila Jodeana-iereo naho reo ndatine-le nanja te fananao
andre Gedalia anadahy ndre Ahikama, ho governora ty tane ty mpanjaka ndre Babylona. Janjy iereo avao kea te
fa nampitanane aze reo lehilahy, reo ampela, vaho reo aja ze ndaty mijale loatse teo amy ty tane, reo ze tsy natao
sesetane tagne Babyna. 8Kea le nandeha tagne amy ndre Gedalia tagne Mizpa iereo. Reo lehilahy reo le Ismaela
anadahy ndre Netania;Johanana naho Jonatana, anadahy ndre Karea; Seraia anadahy ndre Tanometa; reo
anadahy ndre Efay Neofatita; vaho Jazania anadahy ty Makatita-iereo naho ty ndatine.9Gedalia anadahy ndre
Ahikama anadahy ndre Safana le nanao fifanta tamy iereo naho ty ndatine vaho nanao tamy iereo tihoe:"ka
matahotse ty hanompo ty manam-pahefa ty kaldeana. mitoboha eo amy ty tane le tompoe ty mpanjaka ndre
Babylona, vaho hahisake soa nareo. 10Ingo, hitoboke agne Mizpa raho mba hihao amy reo Kaldeana ze avy teto
amintika. Kea mahavokara divay, vokatse fotoa asara, naho menake vaho ajarari ao amy ty fagnajarianareo reo.
Mitoboha amy tanà ze fanisy anareo. "11Vaho ty jiodeana iabe tagne Moaba, teo amy reo vahoake ndre Amona,
naho ty tao Edona, vaho ze tao amy ty tane iabe le nahajanje te namela ty Joda sisa tavela hijano ty mpanjaka i
Babylina, ze nanendrene andre Gedalia anadahy ndre Ahikama anadahy ndre Safana teo amy iereo. 12Kea le
nipole bak'agne amy ty toera ze nampibognahane aze isane ty Jodeana iabe, hoagne Gedalia tagne Mizpa.
Namokatse divay naho vokatse asara maro le maro iereo.13Johana anadahy Karea naho reo mpifehe miaramila
iabe tagne Mandily avy tao amy ndre Gedalia tagne Mizpa. 14Naho tihoe iereo tamine: " Nao hainao va te re Balisa
mpanjaka ty vahoake ndre Amona ro nandefa andre Ismaela anadahy ndre Netania mba hamono anao? Fe re
Gedalia anadahy ndre Ahikama tsy nino aze reo .15Kea le nitsara arere tamy ndre Gedalia re Johanana anadahy
ndre Karea vaho nanao tamine tihoe:'' Apoho raho handeha hamono andre Ismaela anadahy ndre Netania. Ttsy
hisy fisalasa ahike. Nanao akore reke ro hamono anao? Nanao akore ro napoke hibognake ty Joda iabe ze fa
nivory teo aminao vaho reo sisa tavela tao Joda iabe ho rava? Te Gedalia anadahy ndre Ahikama nitsara tamy
ndre Johanana anadahy ndre Karea tihoe:kamanao zay raharaha zay, te natanjake vande mikasike andre Ismaela
riha."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 41

Vaho tamy ty volam-pahafito le avy tagne amy ndre Gedalia anadahy ndre Ahikama, tagne Mizpa re Isimaela ana
ndre Netania ana ndre Elisama, bak'amy ty longo ty mpanjaka, naho ty ilane tamy ty manan-kase ty mpanjaka-
ndaty folo ro miarake tamine. Niarake nitava mahakama tagne Mizpa iereo. 2Te Isimaela ana ndre Netania, vaho
reo ndaty folo ze niarake tamine le nitsanga vaho nanafike andre Gedalia, ana ndre Ahikama ana ndre Safana,
tamy ty meso bey. Nivonoa ndre Isimaela re Gedalia, ze natoboke ty mpanjaka ndre Babylona hiandraikitse ty
tane. 3Vaho nivonoa ty Isimaela reo Jiosy iabe ze niarake tamy ndre Gedalia tagne Mizpa naho reo Kaldeana
mpiale hisake tao.4Vaho avy ty andro faharoa tafara ty namonoa andre Gedalia, fe tsy nisy nahay. 5Ty sasane tamy
reo ndaty le avy bak'agne Sekema, bak'agne Silo, vaho bak'agne Samaria-ndaty valopolo ze nagnarake ty vaokine
naneteke ty ankanjone, vaho nandily ty vatane-niarake tamy ty fagnatitse hotava naho emboke magnitse tegne
an-tagna iereo mba handeha ao amy ty Anjomba Yaveh6Kea niala tao Mizpa re Isimaela ana ndre Natania mba
hitsena aze reo tegne am-pandehana, sady nitagny. vaho laha nifankahisake tamy iereo igne reke, le nanao tihoe
reke tamy iereo:"mandena agne amy ndre Gedalia ana ndre Ahikama!
8Fe nisy ndaty folo tamy iereo nitalily tamy ndre Isimaela tihoe:" Ka mamono anay, te misy vatianay agne am-
baibo: Vaho hordea, menake naho tantely. " Le tsy nivonoane niareke tamy reo namane hafa iereo. Ty famoria
rano ze nandatsake ndre Isimaela ty mate iaby ze nivonoane, le famoria rano befoloay ze nihaly ndre Asa
mpanjaka ho fiarova hanohera andre Basa mpanjaka ty Israely. Nifenoa ndre Isimaela ana ndre Natania any reo
faty zane.10Bak'eo le nisambore ndre Isimaela reo ndaty iabe ze tagne Mizpa, reo anak'apela ty mpanjaka naho
reo ndaty iabe ze sisa tavela Mizpa zetinendre ndre Nebonazara bey ty mpiasa mbe hoahy re Gedalia ana ndre
ahikama. Le nisambotse aze reo re Isimaela ana ndre Natania vaho naha nanavasava teo amy ty ndaty ndre
Amona.11Te re Johanana ana ndre Karea naho reo mpifehe ty miaramila niarake tamine le nahajanje ty loza iabe
ze natao ndre Isimaela ana ndre Natania. 12Le nala iereo ty ndatine iabe vaho nandese hiale hanohitse andre
Isimaela ana ndre Natania. Hisa iereo tagne amy ty sihanake befolay re Gibeona reke.13Vaho lafa hisa ty ndaty
iabe ze niarake tamy ndre Isimaela re Johanana ana ndre Karea naho reo mpifehy ty miaramila iabe niarake
tamine, le vatane faly iereo. 14Le nitolike reo ndaty iabe ze nisambore ndre Isimaela tao Mizpa le nandeha tagne
amy ndre Johanana ana ndre Karea.15Te Nala ndre Johanana ana ndre Karea bak'agne Mizpa reo ndaty iabe ze
nisarombahe tamy ndre Isimaela ana ndre Natania. Zane le tafara ty namonoa ndre Isimaela andre Gedaliana
ndre Ahikama. Nangalake lahilahy mafe, iareo lehilahy mpialy, reo aja amin'apela, vaho reo tandapa ze
voasarombake tao Gideona re Johanana naho reo namane.17Le nandeha iereo le nitoboke fotoa tsy ela tagne
Gerota kimama, ze teo agnila ndre Betlehema. Nandeha tagne Egypte iereo noho reo Kaldeana.18Iereo le
natahotse aze reo satria nivonoa ndre Isimaela ana ndre Netania re Gedalia ana ndre Ahikama, ze
nampiandrakete ty mpanjaka ty tane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 42

[1]Le namonje adre Jeremia mpitoky ty mpifehe miaramila iabe naho re Johanana anadahy karea, Jazania anadahy
ndre Hosaia, naho ty vahoake iabe nanomboke tamy ty kele loatse le zisik'amy ty bey loatse. [2]Nanao tihoeke iereo
tamine:" Lonike hoavy eo agnatrehanao ty toronay. Mivavaha hoanay amy ndre Yaveh Andragnaharenao noho
reo vahoake sisa reo satria kele agnisake loatse zahay arake zao hisanao zao. Talilio re Yaveh
Andranagnaharenao mba hitsara aminanay ty lala tokone halehanay naho ze tokone hataonay."[4]Le nanao tamy
iereo Jeremia mpitoke tihoe: " Fa janjiko nareo Ingo, hivavake amy Yaveh Andrianagnarenareo arake ze
fanangatahinareo raho. Na ino na ino havale Yaveh, le ho tsaraiko aminareo, tsy hitanjake na ino na ino
aminareo raho. "[5]Nanao tihoe iereo tamy ndre Jeremia: " Yaveh vatane ho vavolombelo narese naho tsy nivadike
ho antika laha tsy manao ze iabe talily i Yave Andrianagnaharenao ho ataonay zahay. " [6]Na ho soa na ho rate
zane, le hagneke ty feo i Yaveh Andrianagnaharenay zahay ze agnirahanay anao, mba hahasoa anay naho fa
magneke ty feo ndre Yaveh Andrianagnaharenay zahay."tamy ty fitapera ty andro fahafolo, le avy tamy ndre
Jeremia y tsara i Yaveh. [8]Le nikaike andre Johanana anadahy ndre Karea naho reo mpifehy miaramila miarake
amine iabe re jeremia, vaho ty vahoake iabe nanomboke kele loatse zisike ty bey loatse. [9]Le nanao tamy iereo
tihoe reke:"zao ro talily i Yaveh, ty Andranagnahare ndre Israely-ze nagnisahanareo ahike mba hazahoako
mampipole ty toreonareo eo agnatrehane-manao tihoe:[10]Laha mimpoly naho mitoetse eto amy toy tane toy nareo,
le handrene anareo Raho te tsy ho motike anareo, hambole anareo Raho te tsy hagnombotse anareo, te hangalake
ty loza ze fa nandesiko teo aminareo Raho.[11]Ka matahotse ty mpanjaka ndre Babylona, ze atahoranareo. Ka
matahotse aze-zay ro fagnambara i Yaveh-lefa Raho miaro anareo mba hanorombake naho hagnavotse anareo
egne antagnane. Te Raho hagnomey anareo indra fo. [12]Hana feregnay aminareo Raho, vaho Iraho handay anareo
himpoly amy ty tanenenareo.[13]Fe laha nanao tihoe:Tsy hitoetse eto amy toy tane toy zahay"-laha tsy mijanjy ty
feoko, ze feo i Yaveh Andranagnaharenareo nareo.
[15]Amy henane zao mijanjigna ze tsara i Yaveh zao, nareo ze sisa ndre Joda. Yaveh tompo ty maro,
Andranagnahahare Israely, le mitalily tihoe:"laha mioma handeha ho agne Egypte vatane nareo, handeha naho
hitoetse agne, [16]le hagnenjeke anareo agne amy ty tane Egypte ty meso bey ze atahoranareo. Hagnorike anareo
agne ty kere ze ahianareo, le homate agne nareo, [17]Vaho ty lehilahy iabe ze nitsanga ho agne Egypte mba hitoboke
agne le ho mate ty meso bey, kere, na arete mandane. tsy hisy sisa velo iereo, tsy hisy ho afake hilay ty fahavoaza
ze andesiko iereo.[18]Te mitalily zao Yaveh tompo ty maro Andranagnahare i Israely, tehoe:Manahake ty fiavia ty
fahasiahako naho ty haromotako teo amy ty vahoake i Jerosalema, le manahake zay kea ty fomba hiavia ty
fahasiahako aminareo laha mandeha agne Egypte nareo. Ho raharaha fagnonjogna naho horohoro nareo.
raharaha hitsara fatse, vaho raharaha ty maeva, le tsy ho hisanareo sase zao toera zao. " [19]Le nanao tihoe re
Jeremia:"Yaveh le fa nitsara mikasike anareo-nareo ze sisa ndre Joda. Ka mandeha agne Egypte! Hainareo vatane
te fa vavolombelonareo Raho androane.[20]Te namitake mafe ty vatanareo nareo lafa nandefa ahike ho agne amy i
Yaveh Andranagnahare tihoe:'Mivavaha amy Yaveh Andranagnaharentika hoanay. Ze iabe talily
Andranagnahare, le ambarao anay, vaho le ho ataonay zay. [21]Te fa nitaliliko taminareo androane, le nareo tsy
nijanje ty feo i Yaveh Andranagnaharenareo na tamy ty raharaha mikasike ze nagnirahane ahike ho aminareo.
[22]Le amy henane zao, tokone ho hainareo vatane te ho mate ty meso bey, kere, vaho arete-mandringagne nareo
agne amy ty tane ze irenareo hitoboha."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 43

[1]vaho nijano ty fagnambara ndre Jeremia ty tsara iabe i Yaveh Andranagnahara iereo ze nitaliline tamine mba ho
tsaraine iereo ze nitaliline tamine mba ho tsaraine amy ty va hoake iabe. [2]Azaria anadahy ndre Hosaia, Johanana
anadahy ndre Karea, vaho ty ndaty niavognavo iabe le nitsara tamy ndre Jeremia tihoe:Mitalily vande riha.
Yaveh Andranagnaharenay le tsy nagnirake anao hitalily tihoe: Ka mandeha mitoboke agne Egypte.! Te re Baroka
anadahy ndre Neria le nibaeke anao hanohitse anay mba hafake anay eo an-tagna reo Kaldeana lefa Riha maha
avy ty fahafate sanay vaho manao anay ho rese agne Babylona."[4]Le tsy magneke ty hijanje ty feo i Yaveh mba
hitoetse agne amy ty tane ndre Joda re Johanana anadahy ndre Karea, reo iankina ty maramila iabe, vaho reo
vahoake iabe. [5]Johanana anadahy ndre Karea naho reo bey ty miaramila iabe le nanday ze tavela iabe tamy ndre
Joda ze nimpoly bak'agne amy ty firenena iabe tagne amy ze nampibognaha aze reo mba hitoboke agne amy ty
tane ty Joda. [6]Nale iereo ty lahilahy naho ty ampela, ty ajaja naho reo anank'ampela ty mpanjaka, vaho ty ndaty
iabe ze napo ndre Nebozaradana, mpamehy reo mpiamby ty mpanjaka tamy ndre Gedalia anadahy ndre
Ahikama anadahy ndre Safana. Nala iereo avao kea re Jeremia mpitoke naho re Baroka anadahy ndre Neria.
[7]Nagnagne amy ty tane Egypte iereo, agne Tapanesa, satia iereo le tsy nijanje ty feo i Yaveh.[8]Le avy tamy ndre
Jeremia ty tsara Yaveh tagne Tapanesa, nanao tihoe: [9]Mandrambesa vato befoloay maromaro amy ty tagnanao,
vaho, afeno eo amaso ty vahoake ndre Joda ao amy fotake vato alahatse eo amy ty filisa magnagne amy tragno
ndre Farao agne Tapanesa reo. [10]Vaho talilio iereo tehoe:Yaveh tompo ty maro, Andranagnahare ndr'Israely,
mitalily zao: Ingo, handeha isake hangalake andre Nebokadnezara mpanjaka i Babylona manahake ty mpiasako
Raho. Hatoboko eo amy reo vato reo ty seza fanampahako ze nalevinao, Jeremia. Hampitoboke ty laine eo amy
iereo re Nebokadnezara.[11]Te ho avy reke vaho hanafike ty tane i Egypte. Ze voatendre ho mate le homea ho
vonoa. Ze voatendre ho rese le ho trtse re. Ze voatendre ho amy ty meso bey le nomey ty meso bey.[12]Le
handrehitse afo eo amy ty tempoly reo andranagnahare i Egypte raho. Nebokadnezara le hagnoro aze reo na
hanambotse aze reo. Hampalio ty tane i Egypte manahake reo mpiarake aondre magnadio ty bibikele amy ty
akanjo iero reke. Le hiboake amy zay toera zay amy ty fandresea reke. Le hiboake amy zay toera zay amy ty
fandresea reke. [Fagnamariha: Laha tokone tihoe:" Handrehitse ty afo raho.',le dika ty tsara sasane taloha naho
vaovao kea le misy tihoe: "Handrehitse afo reke."] [13]Hamotike ty tsangam-bato agne Neopolisa agne amy ty tane i
Egypte reke.Hagnaro ty tempoly reo andranagnahare i Egypte reke."'

Chapter 44

[1]Ty tsara ze avy tamy ndre Jeremia mikasike ty Jiosy iabe ze nitoboke tagne amy ty tane Egypta, le reo ndaty
mitoboke tao Migdala, Tapanesa, Memfisa, vaho tao amy ty tane Patrosa.[2]" Yaveh tompo ty maro,
Andranagnahare ndr'Israely, manao zao: Nareo vatane ro fa nahisake reo loza iabe ze nandesiko tamy i
Jerosalema naho ty tanà ty Joda iabe. Ingo, rava iereo amy henane zao. Tsy misy ndate mitoboke ao amy iereo.
[3]Zane le noho reo raharaha rate namboare iereo mba hanafintohy Ahike tamy ty nandenane nagnoro liten-kazo
magnitse naho napoane reo andranagnahare hafa. Reo le andranagnahare ze tsy hay iereo, na nareo, na reo
razambeinareo.[4]Le nirahiko mateteke ho agne amy iereo mpiasako mpitokene iabe. Nirahiko iereo mba hitsara
tehoe: 'Ajanogno ty fanaova zao raharaha botiboty ze halako zao.' [5]Fe tsy nijanje iereo. Tsy nagneke tsy nijanje
iereo na niala tamy faharatiane tamy ty fagnoroa liten-katae magnitse ho ahy reo andranagnahare-hafa. [6]Le
niavy ty fahasehako naho ty faharomotako vaho nandrehitse afo tao amy reo tanà ndre Joda naho reo lala ndre
Jerosalema. Kea nanjare faharava naho fahapoteha, manahake ty amy zao andro anio zao reo."[7]Le amy
henanizao, le mitalily zao Yaveh Andranagnahare Tompo ty maro naho Andranagnahare i Israely:" Nanao akore
ro manao faharatia befoloay amy ty vatanareo nareo? Nanao akore nareo ro manao ze hahalane anareo amy reo
Joda-le reo ampela naho lahilahy, reo aja naho ajaja? Tsy hisy hipoke aminareo. [8]Tamy ty faharatianareo ro
nanafintohy anareo Ahike noho reo asa ty tagnanareo, tamy ty fagnoroa liten-ketea magnitse hoahy reo
andranagnahare hafa tagne amy ty tane Egypta, ze nandenanareo hitoera. Nandeha tagne nareo mba ho poteke,
hagnozo naho hanalatse anareo eo amy reo firenena ty tane iabe.
[10]Zisik'androane, le tsy mbo nambane vata iereo tsy magnaja ty fifehezako na reo liliko ze napoko teo agnoloa
iereo naho ty razambey iereo, na mandeha amy regne."[11]Noho zane Yaveh tompo ty maro, Andranagnahare i
Israely le nitalily zao: Ingo, fanampaha-kevitse ty hagnenja ty vatako aminao Raho. [12]Te halako ty sisa amy ty Joda
ze niboake handeha hoagne amy ty tane Egypte mba hitoboke agne. Hataoko zay mba hahafate iereo iabe agne
amy ty tane Egypte mba lavo ty mesa bey naho ty kere iereo. Manomboke amy ty kele loatse le zisik'amy ty bey
loatse le ho maty ty meso bey naho kere. Ho mate iereo vaho hoavy raharaha fifanta, fagnozogna, fandatsa, vaho
raharaha mampihorohoro.[13]Te handilo ty ndaty mitoboke ao amy ty tane Egypte manahake ty nandilovako i
Jerosalema tamy ty meso bey, kere, vaho arete-mandane Raho. [14]Tsy hisy afake hilay na ho velo reo sisa ty Joda ze
andeha mba hitoboke agne ao amy ty tane ro tafampoly iereo, afa-tsy ze kele hilay hiala eto."[15]Vaho ty lahilahy
iabe ze nahay te nagnoro liten-ketae magnitse hoahy reo andranagnahare-hafa ty vaty iereo, naho ty ampela iabe
ze tao amy ty fiangona bey, vaho ty ndaty iabe ze nitoboke tagne amy ty tane Egypte tagne Patrosa le namale
andre Jeremia. [16]Nanao tihoe: "Mikasiha ty tsara ze nambaranao taminay tamy ty agnara i yaveh- le tsy hijanje
anao zahay. [17]Te ataonay iabe ty raharaha iabe ze nitalilinay te ho amboarenay-le hagnoro liten-ketae magnitse
hoahy ty Mpanjaka ampela ty lagnite vaho handatsake fagnatitse hinome ho aze manahake ty namboarenay, reo,
razambeinay, reo mpanjakanay, naho reo mpitarikay tao amy reo tanà ndre Joda naho reo lala ndre Jerosalema.
Le voke sakafo zahay le ho tahy, ro sade tsy hoazon-doza.[18]Laha nijano tsy mamboatse reo raharaha reo zahay, tsy
nagnomey liteken-tae magnitse hoahy ty mpanjaka ampela ty lagnitse vaho tsy nagnily fagnatitse inome ho aze,
le nijale tamy ty fijalea zahay vaho mate ty meso bey naho kere." [19]Nanao tihoe reo ampela: manao fagnatitse
liten-ketae magnitse eo agnoloa ty mpanjaka ampela ty lagnitse zahay vaho magnily fagnatitse inome hoaze, nao
hanohitse ty valinay ro nanaovanay reo raharaha reo va, mamboatse mofomamy amy ty tarehine magnily
fagnatetse inome hoaze?"[20]Le nanao tihoe Jeremia tamy ty vahoake iabe tamy ty lahilahy naho ty ampela, vaho
tamy ty vahoake iabe ze namale aze-nagnambara reke le nanao tihoe: [21]"Nao tsy tiaro Yaveh va ty diten-ketae
magnitse ze noroanareo tao amy reo tanà ndre Joda naho ty reo lala Jerosalema-nareo naho reo razambeinareo,
reo mpanjakanareo naho reo mpitarike, vaho ty vahoake ty tane iabe? Te fa nahatiaro zane Yaveh; avy tao
agn'eritserine zay.[22]Le tsy zakane sase zay noho ty fanaovanareo rate, noho ty fahabotibotia ze nataonareo. Le
hanjary ho tsy hisy, ho horohoro, vaho ho fatse ty vatanareo mba hisia ty vahoake nanahake zao andro
henanezao sasa. [23]Satria nagnoro diten-ketae magnitse vaho nanao rate tamy Yaveh nareo, vaho satria tsy nijanje
ty feone, fadiliane, ty fitsipine, nareo fadilia ty fagnekene nareo, le niseho taminareo zao loza zao manahake zao
andro henane zao."[24]Le nanao tamy ty vahoake iabe naho ty ampela iabe re Jeremia tihoe: "Mijanjigna ty tsara
Yaveh, re Joda iabe zao ao amy ty tane Egypte. [25]Yaveh tompo ty maro, Andranagnahare i Israely, manao tihoe:
nareo naho ty valinareo le fa samby nitalily tamy ty fitavanareo vaho nagnatanterake tamy ty tagnanareo ze
nitalilinareo tehoe: hovitanay vatane reo sareke ze nataonay hanompoa ty mpanjakampela ty lagnitse, mba
hampiele fagnomeza inome ho aze." Amy henanizao vitao ty sarekinareo; vitao reo.'[26]Kea le, mijanjigna ty tsara
Yaveh, ry Joda iabe ze mitoboke ao amy ty tane Egypte; Ingo, fa nifanta tamy ty agnarako befoloay Raho-hoy
Yaveh. Tsy ho baike amy ty fitava reo ndaty ndre Joda ao amy ty tane Egypte iabe sase ty agnarako, le nareo ze


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

mitsara amy henane zao tehoe: "Laha velo kea ty tompo Yaveh." [27]Ingo, miambe aze reo ho amy ty loza te tsy ho amy ty soa Raho. Ty ndaty ndre Joda iabe ao amy ty tane Egypte le ho mate ty meso bey naho kere zisike hahatapitse aze iabe. [28]Vaho reo tsy mate ty meso bey le himpole bak'ao amy ty tane Egypte ho agne amy ty Joda, ty kele agn'isake iabe amy iereo avao. Le ty tavela tamy ty Joda iabe ze nandeha tagne amy ty tane Egypte mba hitoboke agne le hahay tehoe ty tsaran'ia ro ho tanterake: ty ahike sa ty ahy iereo.[29]Zao ro famatara ho anareo-zane ro fagnambara Yaveh-te hanohitse anareo ao my zane toera zane Raho, mba ahizanareo te hamofoke anareo amy ty loza vatane ty tsarako.' [30]Zao ro talily Yaveh: Ingo, fagnomey andre Farao-Hofra mpanjaka i Egypte eo an-tagna reo fahavalone naho eo an-tagna reo ze mikililу ty fiaine Raho. Zane le ho manahake ze nagnomezako andre Zedekia mpanjaka ty Joda teo an-tagna ndre Nebokadnezara mpanjaka i Babylona, ty fahavalone ze nikiky ty fiaine."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 45

[1]Toy ro tsara ze nitalily ndre Jeremia mpitoke tamy ndre Baroka anadahy ndre Neria. Lafa nanoratse reto tsara
nitognone ndre Jeremia reto reke-tamy ty tao fahefatse nanjaka ndre Joiakima anadahy ndre Josia, mpanjaka
ndre Joda zane, vaho nanao tihoe reke: [2]"Yaveh, Andranagnahare Israely; le mitalily zao aminao, ry Baroba:
[3]Nitalily riha tihoe: 'Iliran-doza raho, satria nampia iYaveh fahasahiragna ty tebitebiko. Namozake ahike ty
foaiko; tsy nahisake fitofa raho.'[4]Zao ro tsy maintse talilinao amine: 'Yaveh le mitalily zao: Iango ho simbako ze
naoriko. Hombotako ze namboleko-ho ataoko magnera ty tane iabe zane. [5]Te nao riha magnantegna raharaha
beloay hoahy ty vatanao va? ka magnantegna ane zane. Te ingo, loza ro hoave amy ty ondaty iabe-zane ro
fagnambara i Yaveh-te homeiko anao ho manahake reo halatsinao egne amy ze iabe ho alehanao egne ty
fiainao."'


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 46

Zao ro tsara Yaveh ze avy tamy ndre Jeremia mpitoke mikasike reo firenena. [2]Ho ahy ndre Egypte: "Mikasike ty
miaramila ndre Farao-neko, mpanjaka ndre Egypte ze agne karkemisy amy sisy ty sihanake ndre Eopata zao. Toy
ty miaramila ze rese ndre Nebokadnezara mpanjaka ndre Babylona tamy ty faha efatse tao nanjaka ndre
Joakima anadahy ndre Josia, mpanjaka ty Joda: [3]Ataovo vonoa reo ampinga kele naho ampinga befoloay, vaho
mandeha mandroso hiale. [4]Apoho eo ambone ty soavaly reo filiana; miankora eo ambone ty soavale vaho
rambeso ty tangananao miarake amy ty fiarova loha eo ambonine; ragnito ty lefonao vaho apoho eo amy ty
akanjo fiarovanao.[5]Te ino zao hisako zao? Feno tohatse iereo vaho mipotake, satria rese ty miaramila iereo.
Mipotake hipay fiarova iereo le tsy mivamba ze ao afara. Egne amy ty magnodidy iabe egne ty horohoro-zane ro
fagnara iYaveh-[6]tsy afake mipotake mare ty fandeha, vaho tsy afake mipotake reo miaramila. Tezetse tagne
avaratse iereo vaho lavo teo agnila ty Sihanake i Eofrata.[7]Ia ty miakatse manahake ndre Neily toy, ze mikorotake
miakatse naho mijotso manahake ty vavarano ty onjane? [8]Miakatse manahake andre Neily re Egypte, manahake
ty onja ze miakatse naho mijotso. Nanao tihoe re Egypte: Hiakatse raho vaho hampisoro ty tane. Hanimba reo
tanà naho reo mpitoboke raho. [9]Miakara, re soavale. Lonike ho meloke, nareo re Kalesy. Lonike hiboake reo
miaramila, kosy naho pota reo lahilahy mana fahaiza manoka amity ampinga, vaho londa, reo lehilahy mana-
pahaiza amity fagnejagna ty kiditsy iereo.'[10]Tamy io andro io ro andro ty valefate ty Tompo Yaveh tompo ty maro,
vaho hamaly fate reo fahavalone hoahy ty vatane rebe. Hitely ty meso bey le ho afa-po hino ty lio miboake ahy
iereo zane. Te hisy soro hoahy ty Tompo Yaveh tompo ty maro agne amy ty tane avaratse amy sisy ty Sihanake i
Eofrata.11 Miakàra agne Gileada vaho mangala fagnafode, ry anak'ampela tsy mahasaky lahy i Egypte. Tsy misy
dikane ty nametahanao fagnafode maro tamy ty vatanao. Tsy misy fagnafa hoanao. [12]Nahajanje ty hasalaranao
reo firenena. Feno ty fitomagnianao ty tane, te nifampidodo tamy ty miaramila raike ty miaramila raike; niarake
lavo iereo roe."[13]Zao ro tsara Yaveh nitalily tamy ndre Jeremia mpitoke lafa ave naho nanafike ty tane Egypte re
Nebokadnezara mpanjaka i Babylona: [14]"Ambarao ao Egypte, vaho ambarao ao Migdala, Memfisa, vaho Tapanesa
zane. 'Rambeso ty toeranao vaho omano ty vatanao, te hitely reo magnodidy anao ty meso bey.'[15]Nanao akore reo
maherenao ro lavo ty amy tane? Tsy hitsanga iereo, satria Raho, Yaveh, ro nanosike aze reo hoamy ty tane.
[18]Laha mboe velo kea raho-nitalily ty Mpanjaka, ze ty agnarane le Yaveh Tompo ty maro-le hisy ndaty raike ze ho
avy manahake ty vohitse Tabara naho vohy Karmela antsisy ty riake. [19]Omagno ty enta hindesegnareo an-
tsesetane agne, inareo ze mitoboke Egypta agne. Fa ho rava ty Memfisa, hilamy amity harava iereo vaho tsy hisy
ndre ia ndre ia hitoboke agne.[20]Egypta le agnombe vave mboe anane soa tarehe vatane, kanefa hisy biby kele
maneketse ho avy bak'avaratsagne. Ho avy zay. [21]Miaramila reo kinarama agnivoa eo le manahake ty agnombe
lahy vondrake, fa iereo avao kea nefa le hiody vaho hilay. Tsy hirae tsanga iereo, satria niavy ty andro ty loza
hahavoa iereo, ty andro ty fagnafaiza iereo. [22]Mifioke manahake ty bibilava ty Egypta, vaho milaly, fa rafene reo
kea le mandeha handietse iereo. Mbamy iereo mbeo manahake ty mpandily hetae miarake amity famaky iereo.
[23]Handily ty ala iereo-izay ty fitalilia gn'Yaveh-na le feno vatane aza zay. Fa ho maro naho valala reo rafe reo, tsy
hae isafe. [24]Ho afa-baraka ty anak'ampela i Egypta. Hamea an-tagna ty vahoake eo bak'avaratsagne re."[25]Yaveh
Tompo ty maro, Zagnahare Israely, le mivola tihoe: "Ingo, fa magnafay andre Amona bakegne Teba, Farao, Egypta
naho Zagnaharene reo, Farao mpanjakane, vaho reo ze matoky iereo raho. [26]Hameako an-tagna reo ze mila ty
aine iereo, vaho an-tagna Nebokadnezara mpanjaka ty Babylona eo naho reo mpanompone. Afara gnizay le tsy
ho azo hitoboha manahake ty tamity andro taloha i Egypta-izay ro fitalilia gn'Yaveh.[27]Te riha, re jakoba mpiasako,
le kamatahotse. Ka ka mipoke ty tahotse, re Israely, hampipole anao baka lavitse Raho, vaho ty ananao bak'agne
amy ty tane naho rese aze reo. Le himpoly re Jakoba bak'eo, hahisake fiadagna, vaho ho voasoro, le tsy hisy na ia
na ia hampihorohoro aze. [28]Riha, ry Jakoba mpiasako, ka matahotse-zane ro fagnambarane Yaveh-te miarake
aminao Raho, le handay faharava vatane amy reo firenena iabe ze hampibognahako anao Raho. Te tsy hanimba
anao vatane Raho. Heloke anao arake ty hitine Raho vaho tsy hamela anao ho afake saze."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 47

[1]Zao ro tsara Yaveh ze avy tamy ndre Jeremia mpitoke mibasike ahy reo filistina. Zao tsara zao le avy tamine
taloha ty nanafiha ndre Farao andre Gaza. [2]Yaveh le mitalily zao:''Ingo, miakatse ty rano bey agne avareatse.
Hanahake ty vavaranomagnotsike zane! vaho hagnatsike ty tane naho ty raharaha ao amy zane iereo, reo tanàne
naho reo vahoake zane! Noho zane ty ndaty iabe le hikoike fagnampea, vaho hitomagne reo vahoake iabe ao amy
ty tane.[3]Tamy ty feo ty fitrapotrapoke ty hotro ty soavaly matanjak'iereo, tamy ty fierotsy reo sarete iereo naho
korakorake igny laro iereo, reo razambey le tsy hagnampe reo anagnahare noho ty fahaleme iereo arere. [4]Te avy
ty andro ze handrava ahy iereo Filistina, iabe, mba handrava ao Tyro naho Sidona ty sisa velo iabe zete-
hagnampy ahy iereo. Te Yaveh le tsy hampisy andreo Felistina, reo ze sisa bak'amy nose Kaftara.[5]Hoavy amy ndre
Geza ty hasola. Laha amy ndre Askelona, le hampitsigne ty ndaty ze tavela ao amy ty vavabaibone. Zisikem-bia ro
handilia nareo ty vatanareo amy fisaogna?[6]Akore ty meso bey Yaveh! zisikim-bia ro hiseho zane zisike
hitsignanareo? Mipolia ao amy ty fitobohanao! Mitofa vaho ka mitsara. [7]Manao akore ro ahafahanao hitsy, le
Yaveh ro fa nandily anao. Nikaike anao hanafike andre Askelona naho hanohitse reo sisin-tane magnarake ty
ranomasy Reke."

## Chapter 48

1Hoahy ndre Moaba, Yaveh tompo ty maro Andranagnahare i'Israely mitalilyy zao: Loza hoahy ndre Nebo, te
farava zane. Nisambory re Kiriataima vaho nisalare. Potike naho salatse ty fiarovane mafe. 2Tsy misy ty hasy
ndre Moaba. Nisafiry hamboatse loza hoahy iereo fahavalo iereo tao Hesbona. Nanao tihoe iereo: 'Avia lonike tika
hamotike aze manahake ty firenena. Ho mate avao kea re Madmena-hagnenjike! anareo bak'ao afara ty meso
bey.'3Janjiko! Avy bak'agne Hononaima ty feo ty hiboike, ze misy faharava naho fahasimba befoloay agne. 4Rava
re Moaba. Hampajanje ty fitoreone re anane. 5Hiakatse ty kamboandre lohita amy ty fitomagnia iereo, te agne
amy ty lala fizotsoa ndre Horonaima, le ho janje reo kaikaike noho ty fahasimba.6Milaisa! Sarombaho ty fiainareo
vahho miavia ho manahake ty kirihitsy anje Davida agne an-tane tsy misy na ino na ino. 7Te noho ty fahatokinao
reo fombanao naho ty fanagnanao, ro hisambora anao kea. Vaho re Kemosy le handeha ho amy ty faharesea,
miarake amy reo mpisoro naho reo mpitarine.8Ta ho bak'agne amy ty tanà iabe ty mpandrava; tsy misy tanà ho
afake lomay. Le tsy hisy ty vavabaiko vaho ho rava ty lemake, arake ty nitalily i Yaveh.9Omeo elatse re Moaba, te
tsy maintse hitily vatane reke. Ho lasa malio reo tanàne, ze tsy misy na ia na ia mitoboke ao amy reo. 10Lonike ho
voafotse ze kamo amy fanaova ty asa i Yaveh! Lonike ho voafotse ze mitanjake ty meso beine amy ty fampipoha
lio!11Nahatiaro ho voa aro re Moaba hatramy ty nahatanora aze. Manahake ty divaine ze tsy mbo naily sady ty
valagne reke.Naho zane le soa tsiro lalandava reke; mijano tsy miova ty tsirone.12Kea ingo! hoavy ty andro-zane
ro fagnambara i Yaveh-lafa handefa amine reo ze halike azo naho hagnily reo valagnine iaby vaho hamaky reo
sinine Raho.13Le ho megnatse ty longo i Israely andre Betela,ty anto ty fahatokia iereo.14Nanao akore ro
hitalilianareo tehoe: Zahay le miaramila, lahilahy mpiale mahere'?15Ho rava re Moaba vaho hotafihy reo tanàne.
Te reo tovolahine soa loatse le nampizotsoa agne amy toera ty famonoa. Zane ty fagnambara ty mpanjaka!Yaveh
tompo ty maro ro agnarane. 16Hiseho tsy ho ela ty loza.17Nareo iabe magnadidy andre Moaba, mitomagnia; vaho
nareo iabe ze mahay ty lazane, mitomagnia;vaho nareo iabe ze mahay ty lazane, hikoike tihoe: 'Loza, te simba, ty
fitogno mafe, naho ty ratsakazo manan-kase.'18Mizotsoa egne amy ty lohabe hase vaho mitoboha eo amy ty tane
maike, riha anak'ampela mitoboke ao Dibona. Te ty handrava andre Moaba ro fa manafike anao, ty handrava reo
fiaronao mafe. 19Mitsangana eo amy ty lala le vambao, nareo vahoake mitoboke ao Aroera. Agnontanio ze fa nilay
naho nipotake.Talilio tihoe: 'Nisy ino? 20Avy megnatse re Moaba, te nitorotoroa reke. Milalalà vaho mitomagnia;
mikoikoiha famonjea. Ambarao amy ty vahoake eo amy ty vavarano Arnona zane te rava re Moaba.21Amy
henanizao le avy ao amy ty tane kaboa ty fagnasazia,hoahy ndre Holona, Jahaza vaho Mefata.22Hoahy ndre
kiriataima, Betiga-mola, vaho Beti-meona, 24hoahy ndre Keriotana ho Bozna, vaho hoahy ty tanà lavitse loatse
naho ty marine loatse. 25Nitapahy ty tsifa ndre Moaba; nitapahine ty vatane-zane ro fagnambara i Yaveh.26Ataovo
mamoreke, satria niasa ampirehareha hanohitse Yaveh. Lonike hivalibalike amy ty loane reke Moaba, vaho
lonike ho anto ty fagnambania reke. 27Te tsy Israely va lasa anto ty iomeheza ho anao? Tsy hisaka teo amy reo
mpangalatse va reke, nagnozognozognanao ty lohanao tamine manahake ty nitsaranao ty mikasike aze matetike?
28Engao ty tanà vaho mivoria egne amy reo teva nareo vahoake Moaba. Miavia manahake ty demohina ze manao
ty tragno egne amy ty vava ty lavake egne amy reo vato bey. 29Janjintika ty fireha ndre Moaba-ty
fiavognavognane, ty fizesitane, ty avognavone, ty fisekosekoane vaho ty fizahozahoa ty arofone.30Zao ro
fagnambara i Yaveh-Raho avao ro mahay ty tsarane manohitse, ze tsy misy karamane, manahakireo asane. 31Le
hilalalà fitomagnia hoahy ndre Moaba raho, vaho hikoike amy ty alahelo hoahy ndre Moaba iabe raho.
Hitomagne hoahy ndre Vahoake ndre Kira-haresa Raho. 32Hitomagne hoanao mihoatse noho ze nataoko hoahy
ndre Jazara Raho, nareo voaloboke ndre Siboma! Mamakivaky ty Rano masina ty rantsanao vaho mahatratsy
zisikagne Jazera. Nanafike ty voa ty asaranao naho ty divainao reo mpandrava.33Le nalà lavitsy ty hetae fihane ty
voane naho ty tane ndre Moaba ty fankalaza naho ty hafalea. Nampijano ty fagnofasa ty divasy iereo Raho. Tsy
handia ty koike fifalea iereo. Ty koikoike iabe le tsy ho koike fifalea.34Bak'agne Hesbona le zisikagne zoara le
zisikagne Horonaima naho Elgata-selisia, te na hatragne ty rano ndre Nimriama ka le maike. 35Te hamara reo ze
manao soro eo amy ty toera ambone naho magnoro diten-ketae magintse hoahy reo andranagnahare ao Moaba
Raho-zane ty fagnambara i Yaveh36Le tomagny andre Moaba manahake ty sody ty arofo. Mitagny masiake ty sody
hoahy ty ndaty ao kira-haresa ty arofo. Lasa reo fanagna ze azo iereo. 37Te sola ty loha iabe vaho niharatse ty
somotse iabe. amy ty tagna iabe reo fery , vaho magnodidy reo valaha iereo ty lamba fisaogna.38Misy fisaogna na
aia na aia, le egne amy ty tafotragno naho egny amy reo toera malalaky ndre Moaba. Te nopotehiko manahake ty
valagne misy mpitea re Moaba-zane ro fagnambara Yaveh. 39Endrey ty nanorotoroa zane! Endrey mila lala amy ty
tomagnine iereo! Mampiodake ty lambosine ho amy ty hegnatse re moaba! Le ho avy antom-pihomeheza naho
fampihorohoroa hoahy reo iabe ze magnodidy aze re Moaba."40Te nanao tihoe Yaveh: Ingo! hoavy hitily
manahake ty voromahere reo fahavalo, mamelatsy reo eletsine eo ambony ndre Moaba. 41Voa sambotse re


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Keriota, vaho rese reo fiarovane mafe. Te amy zay fotoa zay le ho avy manahake ty arofoty ampela mandrorotse
ty aroforeo ty arofoty ndre Moaba.[42]Le ho rava re Moaba vaho tsy hisy vahoake sase, satria manao ty vatane ho
bey noho Yaveh reke. [43]Horohoro naho lavake, vaho fandrike ro avy eo aminareo, nareo vahoake dre moaba-zane
ro fagnambara ndre Yaveh. [44]Ze lomay noho ty fampihorohoroa le hipoke ao agnate lavake, vaho reo ze
manganike lavake le ho tratse ty fandrike, te handay zane eo amy iereo Raho amy ty tao ty valefatiko amy iereo-
zay ro fagnambara Yaveh.[45]Ze lomay le hitsanga tsy maanan-kere eo amy ty aloky ndre Hesbona, te hiboake
bak'ao Hesbona ty afo, ty lela ty afo bak'eo agnivo ndre sihona. Tsy hampisy ty handry ndre Moaba naho ty
ambone ty loha ty ndaty mpirehareha zane.[46]Loza hoanao, Moaba! Rava ty ndaty ndre Kemosy. Te alan-ko rese
reo anadahinao vaho reo anak'ampelanao ho amy ty faharesea. [47]Te hampoliko reo fanagna ndre Moaba amy ty
farane-zane ro fagnambara Yaveh." Tapitse ty fitsara andre moaba.

Chapter 49

[1]Laha ty mikasike ty vahoake ndre Amona, zao ro ambara Yaveh: Tsy mana-anake va ty Israely? Nao tsy misy
ndaty raike handova na ino na ino agne Israely va? Nanao akore Malkana ro hita andre Gada, vaho ty vahoakene
hitoboke agne amy ty tanàne? [Fagnamariha: Laha ohatse le "Malkana", ty dikan-teny vaovao sasane manao
tihoe: ty mpanjakane"] [2]Le ingo, hoavy ty andro-zao ro fagnambara Yaveh-lafa hampagneno ty feo famantara
hoahy ty ale hanohitse andre Raba eo amy ty vahoake ndre Amona Raho, le ho avy atontam-paharava zane vaho
ty ana-bohitsine le ho oroa amy ty afo. Te Israely hana reo ze ty nanagnane, Hay Yaveh.[3]Milalalà amy ty fitoreo,
riha Hisbona, te horava re Ay! Mihikià, nareo anak'ampela ndre Raba! Manaova lamba fisaogna, Manaova
fitaraigna vaho milaisa fahatane, te re Malkana le ho lasan-ko rese, miarake amy reo vavabaibonao ze vatane
mahavokatse bey, na anak'ampela tsy mana finoa? Riha ze mitoke amy ty harinao le manao tihoe, 'Ia ro ho ave
hanohitse ahike?'[5]Ingo, handay fampihorohoroa aminao Raho-zane ro fagnambara Yaveh tompo ty maro-zane
fampihorohoroa zane le hoavy amy reo ze magnodidy anao iabe. Ty kiraikiraike aminareo le hiparitake
magnoloa zane. Tsy hisy na raike ka hamory reo ze lomay. [6]Fe afara zane le hampipole reo fanagna ty vahoake
ndre amona Raho- zane ro fagnambara Yaveh.''[7]Ty amy ndre Edoma, zao ro ambara Yaveh tompo ty maro: Tsy
misy fahendrea sase va hisako ao Temana? Nisy toro-hevitse soa va bak'amy reo ze nana fahazavan-tsay? Niha-
simba va ty fahendre iereo? [8]Lomaisa! mipolia! mitoboha agny an-davake ty tane, nareo vahoake ndre Dedana. Te
manday ty loza ndre Esao eo amine Raho amy ty fotoa ze handilovako aze.[9]Laha avy aminao ty mpihaza
voaloboke, nao tsy hagnajano kele amy zane va iereo? Laha avy amy ty halike ty mpangalatse, tsy hangalatse
mihoatse noho ze ilane va iereo? [10]Te fa tsy nampisike andre Esao Raho. nampiseho reo toerane mivony raho.
Vaho tsy ho afake hamony ty vatane reke. Ty ananane, reo rahalahine, vaho reo tanà-raike amine le niravale lasa
reke. [11]Engao afara reo bodinao hitahy ty fiay iereo Raho, vaho ty vatotsinao le afake mianky amiko."[12]Te zao ro
fagnambara Yaveh: Ingo! reo ze tsy maeva zane le tokone hino amy ty kapoake vatane. Mieritseritsy va ty
vatanao te handeha tsy ho sazy riha? Aha satria hino vatane riha. [13]Te fanifanta tamy ty vatako Raho-zane ro
fagnambara Yaveh-te Bozra le ho lasa horohoro, ho fahasalara, hampalahelo bey, vaho ho raharaha fagnozogna.
Ty tanà iabe ho avy faharava zisikam-parane.[14]Nahajanje vaovao tamy Yaveh Raho, vaho nisy irake nalefa tagne
amy reo firenena, Mitambara vaho isikino reke. Mivonogna amy ty aly.'[15]"Te ingo, nataoko kele iriha laha
ampitovizy amy reo firenena hafa, vaho natao tsy ino amy ty ndaty.[16]Laha ty fahatahora anao le namitake anao ty
avognavo ty, nareo vahoake egny amy ty toera ty teva, riha ze mbaha ty haboa ambone loatse mba hanaovanao
ty anjombanao ho ambone manahake ty ahy ty voromahere. Ho ajotsoko bak'egny riha-zay ro fagnambara Yaveh.
[17]Ho horohorohoahy ze mandalo egne amy zane re Edona. Ty ndaty iabe manake zane le hitititike vaho hifiopioke
noho ty amy reo loza iabe reo. [18]Manahake ty nandrava reo mpiara-belo amine, Nanao tihoe Yaveh, "tsy hisy
ndaty hitoboke agne; tsy misy vahoake hijano agne.[19]Ingo! hiakatse manahake ty liona bak'agne amy ty ala ndre
Jordana reke ho agny amy reo tane akata-maintso. Te ho ampilaisako malake amy zane re Edona, vaho
hametrake ndaty ze handramby antagna zane raho. Te ia ro manahake alika, vaho ia ro hikaike ahike? Mpiambe
aondre ia ro afake handitse ahike?"[20]"Le janjigno ty hevitse ze notapahy Yaveh hanohera andre Edoma, ty safiry
ze fanataone hanohera reo vahoake ndre Temana. Ho taritaritine mbegny mbegny batane iereo, na ty kele loatse
amy ty aondre ka. Reo tane ampeane ho avy toera noravane.[21]Nihozongozo ty tane tamy ty feo ty filavoa iereo. Ty
feo ty fitoreo le janjy zisikagne amy ty Ranomasy Mena. [22]Ingo! misy ndaty hanafike manahake ty voromahere, le
hijotso vaho hamelatse ty elatsine eo amy ndre Bozra. Vaho amy zane andro zane, ty arofo ty ampela
mandrorotsy.[23]Ty amy ndre Damaskosy: Ho megnatse re hamanta naho Arpada, te nahajanje ty vaovao mikasike
ty loza iereo. Valake iereo! hitititike noho ty ranomasy iereo, ze tsy mety milamy. [24]Mihaora vatane Damaskosy.
Mivio hilay zane; azo ty horohoro zane, Azo ty fahasahiragna ty tebiteby hine zane, manahake tebiteby ty ampela
misamake. [25]Nanao akory ro tsy nafoe ty tanà-befoloay ty fifaleako?[26]Noho zane le ho lavo eo amy ty toerane reo
tovolahy, vaho reo lehilehy mpialy iabe le ho mate amy zane andro zane-zane ro fagnambara Yaveh Tompo ty
maro.'' [27]Te hamelo afo eo amy ty rindry ndre Damaskosy Raho, vaho handevo reo fiarova mafe hoahy ndre Beni-
hadada zane.[28]Ty amy ty kedara naho ty fanjaka ndre Hazora, zao ro nambara Yaveh tamy ndre
Nebokadnezara(vaho Nebokadnezara mpanjaka i Babylona le hamafy reo toera reo): "Mitsangana tafiho vaho
ambaboho reo vahoake ty antignana.[29]Hala reo laine naho ondre miarake amy ty osene, miarake amy reo laine
lamba vaho reo fitaovane iabe; hala amy iereo reo ramevane, vaho hanao koike fifalea amy iereo ty ndaty;
Horohoro ro eo amy ty magnodidy iabe! "[30]Milaisa mandehana lavitse! Mijanogna eo amy ty reo lavaky ty tane,
nareo vahoake ndre Hazara_zane ro fagnambara Yaveh_te re Nebokadnezara mpanjaka ndre Babylona le nanao
tetike hanohera anao. Milaisa! Mipolia! [31]Mitsangana! Tafiho ty firenena ao am_ pilamina, ze miay amy ty fiarova,
''Nanao tihoeke Yaveh. '' Tsy mana vavahade na fagnilia agne amine iereo, vaho reo ndatine le miay amy


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

iereo[32]Ho rava reo ramevane, vaho norava amy ty aly reo fanagnane mora bey. Vaho haiko egne amy ty tioke iabe
egne reo ze nihitsiky ty sisy ty volane, vaho handay loza amy iereo eo amy ty tioke lafine iabe Raho-zay ro
fagnambara Yaveh. [33]Hoavy fitoboha ty amboaly re Hazara, ho tane malio maharitse. Tsy misy hitoboke agne, ty
misy ndatyhijano agne."
[35]Zao ro nambara Yaveh Tompo ty maro: Ingo, hanampake reo mpandefa leidetsy andre Elema Raho, fiay bey ty
hery iereo. [36]Te handay reo tioke efatse Raho, vaho hampibognake ty vahoake ndre Elema amy zane tioke iabe
zane raho. Tsy misy firenena ze tsy ho andenany reo ze nahely taoElena reo.[37]Vaho hanorotoro andre Elema eo
agnoloa reo ze mipay ty fiaine. Te handay loza hanohera aze reo Raho, ty fahasehako amy ty faharomotako-zane
ro fagnambara Yaveh-vaho handefa ty meso bey amy iereo raho zisike hahalane aze reo [38]Le hampipoke ty seza
fanampahako eo amy ndre Elema Raho vaho handrava ty mpanjakane naho reo mpitarike bak'ao-zane ro
fagnambara Yaveh- [39]vaho hiseho zane amy ty andro farane ze handesiko himpole reo fanagna ndre Elema-zay ro
fagnambara Yaveh.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 50

[1]Ezao tsara natalily gn'Yaveh ty mikasike ani Babylona, iaze yane Kaldeana reo oy, tamy jeremia mpitokine:
[2]"Talilio amy firene reo agne vaho ampinjajigno iereo. Asondroto ty famantara vaho ampijajigno iereo. Ko aviny
zay. Volagno tihoe: 'Ndevo ty Babylona. Nalae baraka ty Bela. Nivalikarofo ty Merodaka. Nalaen-baraka aoline
reo; nivalikarofo saren jaka sokire reo.[3]Hitsanga hamango aze ty firene bakavaratse agne, mba hahavy ty tanene
ho rava. Tsy misy, ndre ndaty ndre biby, hiay amizay ao. Hilay iereo. [4]Amy ze andro zay vaho amize fotoa zay-izay
ro fitalilia Yaveh ty vahoa Israely naho ty vahoa gny Joda le hiray fiavy mba handeha aman-pitagnia vaho hila ani
Yaveh Zagnahare gniereo. [5]Hagnotane ty lala mba Ziona mbeo iereo vaho hamakivaky izay, manao tihoe:
Handeha zahay vaho hagnotane ani Yaveh amity fagnekea zisikagne ze tsy ho halignoe."[6]Agnodry tsobo ty
ndatiko. Nitarike iereo amity lalan diso ambohits'agne mpiarake agnodry gniereo; navili gniereo feno ty haboa
iereo. Nandeha iereo, kea nagnaligno ty pilasy ze nitobohane. [7]Ty ndaty iaby ze niboake tamy gniereo eo le
nagnaratiraty iereo. Hoe rafene reo tihoe: "Tsy diso zahay, satria iereole nandiso tamy gn'Yaveh, fitobohane mare
iereo-le Yaveh, iaze fagnatena raza gniereo oy.'[8]Miala agnivoa iBabylona eo; miboaha bakao amity tane ty
Kaldeana, ao nareo hanahake aose lahy ze miala aloha ty handehana ty agnodry sisa reo. [9]Fa ingo, fa hametsake
ty hetseke naho hananga ty vondro firene bevata reo baka avaratse agne reo hamango ani Babylona raho.
Hifandamy handietse iereo. Ho sambore baka a Babylona agne. Hanahake ty mpialy mahay ze tsy mihere
tagnam-polo ty ana kidy gniereo. [10]Hizare nddevo ty Kaldea. Ho afapo iaby ze magnadevo iereo-izay ro fitalilia
gn'Yaveh.[11]Mifale, mitsinjake ty handevo ty lovako nareo, mintsambotsamboa manahake ty anan'agnodry amity
fihinanane egne nareo; magneno manahake ty sovaly mafe nareo. [12]Kea ho salabaraka vatane ty renegnareo; ze
nisamake anareo le ho megnatse. Ingo, ho kele vatane amy firene reo re, ho tane efetse, tane maike, vaho tane
rava. [13]Naho ty sia gn'Yaveh, le tsy hitoboha sasy, fa ho rava vatane ty Babylona. Ty ndaty iaby ze mandrio le
hangitikitike naho i Babyona vaho hiviniviny naho ty herene iaby.[14]Mifandamy hamango ani Babylona naho ty
magnodidy aze iaby nareo. Tsy maitsy hitifitse aze ty ndaty iaby ze magneja ty kiditsene. Ko misy mijano ty ana
kidinareo, fa fa nandiso tamy gn'Yaveh re. [15]Asondroto magnodidy aze iaby ty korake! Fa voahodidy re; fa nitonta
tilikambo reo; robake lakorone reo, fa izay ro valefate gn'Yaveh. Manaova valefate amine eo! Le anovomanahake
ze fa nanoene![16]Lanio ty mpambole ze mambole ty voa naho ze mampiasa ty meso famokara amity andro
mpanokara a Babylna ao. Ao hihere bakao amity mesobey agne ty mpampijale ho agne amity vahoane ty ndaty
kiraidraike; ao iereo hihere amity tanene agne.[17]Israely le agnondry naparitake naho niroahe ty liona. Ty
mpnajaka Asrya ro nagnaratiraty iereo voalohane; vaho tafara gnizay,le tinampa re Nabokadnezera mpanjaka i
Babylona taolane reo. [18]Naho izay ezao ro tsarae gn'Yaveh Tompo ty maro, iaze Zagnahare Israely: "Ingo, fa
magnafay ty mpanajak i Babylona naho ty tanene raho, manahake ty namoezako ty mpanajaka Asrya.[19]Hagnere
ani Israely amity tanendroazane agne raho, hihina Karmela naho Basana re. Vaho ho afa po amity tane haboa ao
Efraima ao naho Gileada re. [20]Amy ze andro zay naho amize fotoa zay, hoe ty Yaveh, hilae a Israely ao ty hadisoa,
nefa tsy hahisake. Hagnotane ty mikasike ty hadisoa gny Joda raho, nefa tsy hahisake, fa hagnega hadisoa ty sisa
tavela ze nengako raho."[21]"Mitsangana hamango ty tane Merataima, hamango izay reo ze ndaty Pekoda. Apetsako
amity mesobey eo iereo vaho atokane ho ahy ty harava-izay ro fitalilia gn'Yaveh-anovo ze iaby andiliako anareo.
[22]Amity tane ty feo ty aly ao naho ty harava bevata.[23]Henhe ty nanampaha naho namoteha ty mikasike ty tane
iaby. Feie nanjare horohoror amy firene reo eo ty Babylona. [24]Nasiako fitake riha kea tratse, nao Babylona, vaho
tsy nahay izay riha! Tsatse naho voatsepake riha, satria nandietse ani Yaveh.[25]Fa nanokake ty pilasy mpisy fiasa
mpialia ty Yaveh vaho nandesene miboake fiasa mpialia hanehoane ty siane. Misy asa ho agn'Yaveh Tompo ty
maro amity tane ty Kaledeana ao. [26]Tafiho baka lavitsegne re. Sokafo ty pisi-bokane vaho akorotagno manahake
ty fokotam-bare re. Atokano ho ahy ty harava re. Ko enga hisy sisa ty amine.[27]Vono ty agnombelahine iaby. Azotso
boakagne amity pilasy famonoa reo. Loza ho aze reo, fa fa avy ty androne-le ty andro fagnafaiza iereo.
[28]Houhouke ty feo ty filaisagniereo, le reo sisa tsy mate, bakagne amity tane Babylona. Iereo ro handay ty valefate
gn'Yaveh Zagnaharetinka ho agne Ziona,naho valefate ho ahy ty tempoline."[29]"Kaiho mpandefa ana kiditse
hamango ani Babylona reo-reo iaby ze magneja ty kidine. Mivoria hamango aze, vaho ko enga hisy hilay. Valeo
amy ze fa nanoene re. Anovo amine manahake ty ze fa nanoene. Fa fa nivaza agn'Yaveh re, le iaze masy
gn'Israely. [30]Kea le ho tonta amity zorontana egne ajiahine reo, vaho handany lahilahy mpialine iaby amy ze
andro zay-izay ro fitalilia gn'Yaveh."[31]"Ingo, hamango anao raho, nareo mpirengerenge-izay ro fitalilia gn'Yaveh
Tompo ty maro-fa fa avy ty andrognao, nareo mpirengerenge, le ty andro ze hagnafaizako anao. [32]Kea ho
tafintohy naho ho lavo mpirengerenge reo. Tsy hisy hanaga iereo. Handrehetse afo amy tana gniereo eo raho;
handany ty zaka iaby magnodidy aze zay.[33]Ezao ro tsarae gn'Yaveh Tompo ty maro: Nampijale vahoake gn'Israely
reo, miarake amy vahoa Joda reo. Mboe tinanja reo iaby nanambotse aze iereo; nandietse ty hamango iereo


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

handeha iereo. [34]Mafe iaze mpamonje iereo oy. Yaveh Tompo ty maro ro agnarane. Handahatse ty amy gniereo
mare re, mba hinday filamina amity tane ao, vaho mba hinday fandiera ho ahy ndaty Babylona reo.[35]Ty mesobey
le hamango any Kaldeana reo-izay ro fitalilia gn'Yaveh-vaho hamango ty ndaty Babylona, mpitarine reo, vaho
lahilhy hendrene reo. [36]Avy hamango ze manao mbola kiditse ty meso, mba hitogno tegna hanahake ty gege iereo.
Avy hamango miaramilane reo ty mesobey, kea le ho feno tahotse iereo. [37]Avy hamango sovaline reo, kalesene reo
vaho ndaty iaby ze agnivoa i babylona ao ty mesobey kea le ho avy hanahake ty ampela iereo. Avy hamango
tragno fagnajaria ty meso reo, kea ho voarava iereo.[38]Ho avy amy ranone reo ty hain-tane, kea le ho maike reo. Fa
tane naoly reo tsy misy ila aze re, vaho miasa manahake ty ndaty marare loha aoline mandagy reo iereo. [39]Kea
biby ty tane efetse reo miarake amy amboali reo ro hitoboke agne, vaho ty aostrisy anane ro hitoboke amine ao.
Fa amity andro iaby, le tsy hitoboha sasy re. Zisikamity zafe afe, le tsy hitoboke amine ao. [40]Le manahake ty
nandrava Nagnahare ani Sodoma naho Gomora vaho magnodidy aze reo-izay ro fitalilia gn'Yaveh-tsy hisy
hitoboke ty ao; tsy hisy ndaty hijano ty amine ao."[41]"Ingo, avy ty vahoake baka avaratse agne, ho ahy ty firene
bevata naho mpanjaka maro eo fa nisondrotse baka antane lavitse agne. [42]Hangalake kiditse naho lefo iereo.
Lozabevata iereo vaho tsy misy feregnay.Manahake ty firohondroho ty riake ty feo gniereo, vaho mitikitse sovaly
mitsanga manahake ty lahilahy mpialy, hamango anareo iereo, nareo anak'ampela Babylona, vaho naleme naho
ty horohoro ty tagnane. Namango aze manahake ty ampela miterake ty fijalea.[44]Ingo! Miakatse manahake ty liona
bakao ambone ty jordana ho agne amity fitobohane mafe re. Fa hampilaiseko malaky amy zay ao iereo, vaho
hitingy ndaty voatingy hinday izay raho. Fa ia ro manahake ahy, vaho ia ro hikaike ahy? Mpiarake agnodry
manahake ty manao akore ro hahatohetse ahy?[45]Kea njigno are eretsereko ze nanoe gn'Yaveh hamangoa ani
babylona reo, vetsevetse ze fa nalamy hanafiha tane Kaldeana reo. Ho drivadrivate vatane iereo, mare fa na le ty
agnodry kele vatane aza. Hizare toera rava ty tane fambolea gniereo. [46]Amity feo ty haresea Babylona le
matahotse ty tane, vaho ire amy firene re ty koram-pijalea gniereo."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 51

[1]Ezao ro atalily gn'Yaveh: "Ingo, handeha hampilay ty tio draty amy Babylona naho reo ze mitoboke a Leba-
Kamay ao raho. [2]Handefa vahine reo a Babylonao raho. Hagnaparitake aze iereo vaho handrobaroba ty tanene,
fa ho avy handietse aze aby amity magnodidy iaby iereo amity andro ty loza.[3]Ko enga handefa anan-kiditsene reo
mpandefa kiditse, ko enga hanao siky fiaro iereo. Ko mitsetse amy ajiahine reo; hatokane amity handrava ty
tafine iaby. [4]Fa ty ndaty fere le hitonta amity tane Kaldeana reo, ze mate reo le hitonta amy lala reo egne.[5]Fa
Israely naho Joda le tsy nafoe ty Zagnaharene, Yaveh Tompo ty maro, na le feno fandikan-dily mandietse reo ty
Masy gn'Israely aza ty tanene. [6]Milaisa amity agnivoa Babylona. Ao ty ndaty kiraidraike sambe hagnavotse ty
vatane. Ao tsy ho lany agnate ty siane ao.Fa izao ro andro hanaova gn'Yaveh valefate. Honerane ho aze ty iaby
am'izay.[7]Kapoake volamena an-tagna gn'Yaveh eo ty Babylona ze nahamamo ze iaby zao; nino ty divaene firene
reo kea majare tsisy sae. [8]Hitonta tampoke Babylona vaho ho robahe. Mibabababa ho aze! Omeo fagnafoly amity
fanaitagna re; le ho afake re vasa.[9]'Nagniry ty hahafake ani Babylona zahay, fa tsy afake re. Ao tika iaby hagnega
aze naho handeha lavitse, ho agne amity tanentika. Fa mahatakatse lagnitse ty siane; misalebolebo zisikegne amy
raho reo zay. [10]Fa nitalily ty tsy fanagnatika tsiny Yaveh. Avia, ndao tika hivola amy Ziona asa gn'Yaveh
Zagnaharetika reo.[11]Ragnito balan-kiditse reo vaho alao ampinga reo. Yaveh le manao zaka amity mpanajaka
Medesa amity fandineha hamoteke ani babylona. Ezay le ho ahy ty valefate gn'Yaveh, famalea fate tamity
nandrava ty tempoline. [12]Manondrota fagneva ambone reo lakoro i Babylona eo. Hamafeso ty fiambena; asio
mpiambe; ampivognono otseke reo; fa hanoe gny Tompo reo ze vinolagne mikasike ty ndaty Babylona.[13]Inareo
ndaty zemitoboke egne amy sisin drano reo; Inareo ndaty ze manankanagna zaka tsarobily, avy ty faragnareo. Ty
taly ty fiagnareo le binorey te henane.[14]Nifanta tamity fiaine iaby ty Yaveh Tompo ty maro tihoeke: "Ho fenoeko
rafe nareo, manahake ty fandania ty valala; hananga alim-pijalea aminao iereo.'[15]Nanao ty tane tamity alala ty
fahefane re; nametsake ty tane tamity fisy aze re bakamity tsy fagnahine; namelatse lagnitse reo tamity hazava
tsaine re. [16]Lahafa mitrero re, le misy rano mitrero ty an-dagnitse agne, Fa minday ty zavo baka am-para ty tane
agne re. Manao helatse ho ahy ty ora re vaho magnakatse talio reo amy tragno fagnajaria reo ao.[17]Manajare tsisy
zaka hae ty ndaty iaby, tsy manan-pahaia. Mpanefe vy iaby reo le ho megnatse naho aoline reo. Fa fitake saren-
jaka anviline reo, vaho tsy misy fiaigna amy regne ao. [18]Tsy ilae regne, asa ty mpagnratiraty reo; ho mate reo
amity andro ty fagnafaiza aze. [19]Fa Zagnahare, iaze anjara Jakobay, le tsy mba manahake izay, fa Ire ro mpadily ty
zaka iaby. Israely ro foko ty lovane; Yaveh Tompo ty maro ro agnarane.[20]Fa iriha ro fiasam-pialiako, langilangy
amity aliko. Iriha ro hamotepotehako firene reo naho hamotehako fanjaka reo. [21]Iriha ro hamotepotehako sovaly
reo naho mpitikitsovaly reo; miarake aminao ro hamotepotehako kalese reo naho mpinday aze reo.[22]Iriha ro
hamotepotehako ty lahilahy naho ty ampela kiraidraike iaby; Iriha ro hamotepotehako ty antetse naho ty kolo.
Miarake aminao ro hamotepotehako mpiarake agnondry reo naho agnodry aman'ose reo. Miarake aminao ro
hamotepotehako ty mpiasa tane naho tarine reo. Miarake aminao ro hamotepotehako goverinora reo naho
manan-kasy reo.[24]Fa amaso gnao eo ro hamaleako any Babylona naho re ndaty Kaldea naho ty amy haratiane
iaby reo ze nanoe gniereo ta Ziona ao-ezay ro fitalilia gn'Yaveh.[25]Ingo, mandietes anao raho, nao ty Vohy ty
harava-ezay ro fitalilia gn'Yaveh-ze mandrava ty tane iaby. Hanonjotse ty tagnako handietse anao raho vaho
hampililia anao amity tane maike, vaho hanao anao ho vohitse maike raho. [26]Kea tsy hanagalake vato
hagnamboara zoron tragno naho fototse bakaminao iereo; fa hanajare rava zisikagne riha-ezay ro fitalilia
gn'Yaveh.[27]Magnamboara fagneva feno ty tane. Tiofo feno firene reo ty anjomara. Kaiho firene reo hamango aze;
Ararata, Miny vaho Askenza. Mitingina mpikomandy hamango aze; mindaisa sovaly manahake valala feno volo
reo. [28]Vono firene reo hamango aze; ty mpanajaka i Mediana naho governorane reo, ty manan-kasy iaby vaho
tane iaby ze ambane ty fandiliane reo.[29]Fa hatahotse ho agnate ty fangirifire ao ty tane, satria nitohy ty vetsevetse
gn'Yaveh handietse ani Babylona ho tane maike ze tsy hisy ndaty.[30]Fa nijano nialy miaramila Babylona reo; nijano
tamy fiarone mafe reo iereo. Lefe ty here gniereo; nanjare ampela iereo-mirehetse ty tragno gniereo, tampake
hilim-bavahady reo. [31]Ty mpinday hafatse milay mba hitalily hafatse amity mpinday hafatse raike hafa agne,
vaho ty mpilay raike mivola amity mpialay raike hafa mba handay amity mapanjaka i Babylona agne fa ty tana
toy le fa vitasambotse zisike farane. [32]Kea azo fampitsaha ambone ty rano egne, magnoro volotara reo amity afo
mirearea fahavaloreo, vaho tsy hay lahilahy mpialy Babylona reo ty hatao.[33]Fa Yaveh Tompo ty maro, Zagnahare
Israely, ro mivola ezao: manahake ty famoloa ty anak'ampela i Babylona. Andro hagnoseha aze zao. Ho avy amity
andro fohe ty androm-pamokara.[34]Narava Nebokadnezara mpanajaka i Babylona raho; ninday ahy amity
hagegea re. Vaho nanoene ho velagne loake raho, natelene manahake ty biby bevata bey re; nameno ty tsone
tamity hanen-piako re; nandroake ahy re. [35]Ze mitoboke a Zionao hivola tihoe: "Ao ty hereloha natao ahy naho
tamity nofoko ho amy Babylona." Vaho hoe Jerosalema tihoe: "Ao ty raeko ho amy ndaty Kaldea reo."[36]Kea ezao ro

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

tsarae gn'Yaveh: "Hindeha hisolo vava anao raho vaho hinday valefate ho anao. Fa ho riteko ty rano Babylona
vaho hagnamaike ty loharano raho. 37Fa hanajare korontan-bato ty Babylona, lavake fiere ty amboaly, tahotse,
zaka mampiviniviny, ze tsy misy ndaty.38Hitrero miarake manahake liona anane reo ty Babylona. Hitrero
manahake ty anan-dio re. Laha lasa agnate ty fiteavan-bola tafahoatse iereo, hanao 39fihinanam-bey ho iereo
raho, mamoeko iereo le ho fale vaho le hiroro agnate roro tsy mete tampetse ka tsy hifoha sasy-izay ro fitalilia
gn'Yaveh-40Halefako hizotso amity famonoa agne manahake anan'agnodry reo, manahake ty agnombe
aman'agnodry miarake amy ose reo iereo.41Henhe ty nahazoa ani Babylona! Ka azo ty fidera ty tane iaby. Henhe
fa manjary pilasy maike amy firene reo eo ty Babylona. 42Miboake feno Babylona ty riake! Voatake onjane mitrero
reo re.43Nanjare harava tanane reo, tane maike naho efetse, tane ze tsy misy ndaty, vaho tsy andriogna ty ndaty
ndre raike aza. 44Kea ho faizeko a babylonao ty Bela; hindeseko hiboake ty vavane ze natelene vaho firene reo le
tsy hikorake amine miarake amy raketse reo iereo. Horobake ty lakoro Babylona.45Miboaha amity agnivoane eo,
nareo ndatiko. Ao ty kiraidraike sambe hagnavotse ty vatane amity sia ty heloko. 46Ko enga ho megnatse ty
fognareo na hatahotse ty vaovao ze re amy tana ay ao, fa ho avy amity tao raike vaovao reo. Afara gnizay amity
tao magnarake avao kea le hisy vaovvao, vaho ty hereloha le ho amity tane ao. Mpandily handietse mpandily.
47Kea, ingo, avy ty andro ze hagnafaizako aoly sokire i Babylona reo. Ho megnatse tanene iaby reo, vaho fatene
iaby reo le hitonta agnivoane eo. 48Vaho ty lagnitse naho ty tane, vaho ze iaby amy gniereo ao le hofale amy
Babylona. Fa ho avy amine baka avaratse agne ty mpandrava-izay ro fitalilia gn'Yaveh. 49"Manahake ty nanonta
Babylona ty Israely mate, ro hitonta omate reo tamity tanene ao iaby a Babylona ao."50Nareo sisa tavela amity
mesobey, mandehana! Ko mijano. Tadidio bake lavitse egne ty Yaveh; ao ho tadidie ty Jerosalema. 51Megnatse
zahay, fa nahare volan-draty reo; nandrakoke ty tarehegnay ty siake, fa nilitse tamy fitobohane Masy ao ty tragno
gn'Yaveh vahiny reo.52Kea, ingo, avy ty andro-ezay ro fitalilia gn'Yaveh-ze fagnafaizako aoly sokirene reo, le
hisento amity tanene iaby ty vahoake fere. 53Fa na le miboake amity lagnitse egne aza ty babylona na magnamafe
fiarone mafe abo vatane reo aza re, le ho avy amine mpandrava bakamiko reo-ezay ro fitalilia gn'Yaveh.54Ty kora
ty fijalea le bakamy Babylona, harobaha bevata bakamy ty tane Kaldeana reo. 55Fa Yaveh le mandrava ani
Babylona. Ire ro mampijano korake mafe reo. Mitrero manahake onja-drano fahavalone reo; mihamafe
tabatabane reo. 56Fa avy handietse aze ty mpandrava-mandietse ani Babylona! -vaho lahilahy mpialine reo le fa
voatsepake. Tampake kidine reo, fa Yaveh ro Zagnahare ty famalea; fa hinday ze famalea zay vatane re.57Fa ho
mamoeko roandriadahy reo, ndaty tsy magnahine reo, manan-kasy reo, vaho miaramilane reo, le hiroro hierotse
tsy misy farane iereo vaho tsy hifoha sasy-ezao ro fitalilia ty mpanjaka: Yaveh Tompo ty maro ro agnarane.
58Yaveh Tompo ty maro mivola izao: "Ho rava vatane ty lakoro mateve gny Babylona vaho horoa vavahadine abo
reo. Le vahoake ze avy hagnampe aze reo le ho rerake avao; ty zaka iaby ze ataone firene reo ho aze le
horoa."59Ezao ro tsara ze nandilia ndre Jeremia mpitoky ani Seraia anake lahy Neria anake lahy Mahaseia lahafa
nandeha ho a Babylona agne re niarake tamy Zdekaia mpanjaka i Joda tamity tao fahefatse nanjakane. Fa avy ho
bevata ty manan-kasy i Seraia. 60Fa fa nanoratse loza iaby reo ze ho avy amy Babylona tagnate fognosan-taratasy
ty Jeremia-tsara iaby reo ze voasoratse mikasike ani Babylona.61Nivola tamy Seraia ty Jeremia tihoe: "Lahafa mba
Babylona mbeo riha, le hahisake naho hamaky mafe tsara reo. 62Le hivola riha tihoe: "Yaveh, iriha vatane ro
nitalily fa ho ravaenao ty pilasy toy, vaho tsy hisy ndaty na biby hiay amine ao, vaho ho rava zisikagne re.63Le
lahafa vitagnao ty famakia o taratasy io, le afeheo amity vato zay vaho atoraho agnivoa Eofrata eo. 64Volagno
tihoe: "Ho robake manahake iazy ty Babylona. Tsy ho tafatsanga re naho loza ze alefako handietse aze reo, le
hotonta re." Tampetse eto ty tsara Jeremia.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 52

[1]Raike amby roapolo tao ty Zedekia laha nanomboke nanjaka: nanjaka raike amby folo tao ta Jerosalema ao re.
Hamotala ty agnara drenegne: ire le anak'ampela Jeremia bakagne Libna. [2]Nanao ze raty tamaso gn'Yaveh re;
nanao ze iaby fa nanoe Joiaikima re. [3]Tamity sia gn'Yaveh, to nisehoa zaka iaby reo tagne Jerosalema naho Joda,
zisike handrodaha iereo tsy ho agnoloane eo. Vaho nivory tamity mpanjaka Babylona ty Zedekia.[4]Vaho tamity
fahasive nanjaka Zedekia mpnajaka, tamity vola fahafolo, vaho tamity andro fahafolo ty vola, le avy niarake
tamy tafine reo ty Nebokadnezera, mpnajaka Babylona, mba handietse ani Jerosalema. Nivory tandrife gnizay
iereo, vaho nagnore tilikambo nagnodidy izay. [5]Kea le natao faherano ty tana zisikamity faharaikambine folo tao
nanjaka Zedekia mpanjaka[6]Tamity vola fahefatse, tamity andro fahasive tamy ze tao zay,le nifeno antana ao ty
kere fa tsy nisy nihina ho ahy ty ndaty ty tane. [7]Vaho le rava ty tana, vaho lahilahy mpialy iaby reo le rifatse nilay
naho niboake ty tana ty hale tamity vavahady ty tana eo agnivoa ty rindry roe, tagnila ty pisy folera ty mpanjaka
eo, na le nameno ty tana aza ty Kaldeana. Le nimba Araba mbeo iereo. [8]Kanefa nagnidy ty mpanjaka tafike reo ty
Kaldeana vaho nahatsatse ani Zedekia tamity tane maike ty baibo ty Rano Jordana ze marikitse Jeriko.
Naparitake niala tamine eo tafine iaby reo.[9]Sinambo gniereo ty mpanjaka vaho nindesene niboake tagne amy
Mpanjaka Babylona tagne Ribla tamity tane Hamata, ze nitsarane aze. [10]Namono anake lahy Zedekia reo
tamasone eo ty mpanjaka Babylona, vaho tagne Ribla le namono mpinday ty JOda iaby avao kea re. [11]Vaho
nafahane ty maso re Zedekia, ka nafehene tamity ravake varahy re, vaho nandesene tagne Babylona. Nalefa ty
mpanjaka babylona tan gadra agne re zisike pahafatene.[12]Vaho tamity vola fahadime, tamity andro fahavalo ty
vola.ze fahasive ambine folo tao nanjaka Nebokadnezera mpanjaka, mpajaka babylona, le niavy ta Jerosalema
agne ty Nebokadnezera. Ire ro mpifehe mpiambe ty mpnajaka reo vaho mpanompo ty mpnajaka Babylona reo.
[13]Nagnoro ty tragno gn'Yaveh, ty lapa ty mpanjaka, vaho tragno Jerosalema iaby reo re; vaho nagnoro avao kea ty
tragno bevata sarobily iaby. [14]Laha ty amy lakoro magnodidy ani Jerosalema reo, le fa namoteke iereo ty tefike ty
Babylona ty mpiambe ty mpajaka.[15]Laha ty amy ndaty tsy mana vatane reo, ndaty sisa tavela tan-tanao reo, reo
ze fa nilay ho amity mpanjaka babylona agne, vaho sisa tamy mpanao asa tagna reo le nanoe ndre
Nebokadnezera, iaze mpifehe ty mpiambe ty mpanjakay ho ndevo ty ilane tamy gniereo. [16]Fa i Nebokadnezara,
iaze mpifehe ty mpiambe ty mpanjakay, nagnega ty ilane tamy tsy mana vatane reo ahy itaney mba hiasa tanen-
boaloboke reo naho baibo reo.[17]Laha ty amy ambe varahy ze ahy ty tragno gn'Yaveh reo, naho fitoboha drano
vaho taven-drano varahy ze ahy ty tragno gn'Yaveh, le pinote Kaldeana reo vaho nandesene nihere ta babylona
agne iaby varahy iaby reo. [18]Velagne reo, fangaly, fanovan-jiro, finga, vaho karamantsa vita amity varahy ze
nagnompoa mpisoro reo tan-tempoly-le nindese gniereo Kaldeana iaby. [19]Ty vondra fanaova laven-jiro naho
fagnoroa linten-ketae magnitse reo, finga reo, velagne reo, fitobohan-jiro, lasitse reo, taven-drano ze vita tamity
volamena reo, naho vita tamity volafoty reo-le nindese iaze mpifehe ty mpiambey ty mpanjakay avao kea.[20]Fiaro
roe reo, ty taven-drano, vaho agnombe varahy reo ze tambane fitobohan-taven-drano reo eo, zaka ze namboare
Solomona ho ahy ty tragno gn'Yaveh, le feno varahy maro ze sarobily avao. [21]Fiaro reo le sambe valo ambine folo
ankihoke iaby ty hahabone, vaho ty kiditse feno iereo nimetatse roe ambine folo kiho. Sambe fanondro efatse ty
hatevene vaho sambe kafoake.[22]Kapitaly varahy ro tan-bohitsegne zay. Dime kiho ro hahabo i kapitaly, miarake
amity fandrike naho ampongabenadanitsa feno aze. Vita tamity varahy iaby zay. Iaze fiaro raike hafay naho ty
ampongabenadagnine le mitovy amy iaze raike voalohaney avao. [23]Kea le ampongabendagnitse ene amby sivan-
polo naho izay ro tagnila i kapitaly eo, vaho ampongabedagnitse zato ro tambone i fandrikey eo magnodidy.[24]Iaze
mpifehe ty mpiambe ty mpanjakay le nanambotse andre Seraia,iaze mpisorombey, niarake tamy Zefania, iaze
mpisoro faharoe ey, vaho mpiambe vavahady telo reo. [25]Tan-tana ao ro nagnaborane manank-kasy raike ze
niambe miaramila reo, naho lahilahy fito tamy reo ze nagnomey loha ty mpanjaka, ze mboe tan-tana ao.
Nanambotse ty manan-kasy ty tafike ty mpanjaka ze mpitarike ty tafike, miarake tamy ndaty manan-kasy
enempolo reo bakamity tane ze tan-tana ao avao kea re.[26]Vaho le nalae ndre Nebokadnezara, iaze mpifehe ty
mpiambey ty mpanjaka iereo vaho nindesene tamity mpnajaka Babylona agne ta Riba agne. [27]Vinono ty
mpanjaka babylona ta Riba agne amity tane Hamata iereo. Tamy ze fomba zay, ro nindaisa gny Joda ho ndevo
niala tamity tanene ao.[28]Intoa ro ndaty nindevoze ndre Nebokadnezera: tamity fahafito tao, Jiosy 3. 023. [29]Tamity
fahavalo ambine folo tao nanjaka Nebokadnezara le nangalake ndaty 832 bakagne Jerossalema re. [30]Tamity
fahatelo amby ropolo tao nanjaka ndre Nebokadnezara, le nagnadevo vahoake Jiosy 745 ty Nebozaradana, iaze
mpifehe mpiambe ty mpanjaka reo. Miiake 4600 ty fitambara ndevo iaby reo.[31]Vaho tamity andro fahadime amby
ropolo vola, tamity vola faharoe ambine folo, tamity farapara ty tao fahafito amby telopolo naha ndevo ani
Jekonia, le nagnafake ani Joiakina mpajaka ty Joda tan gadra agne ty Evila-merodaka, mpanjaka Babylona.
Tamity andro nanomboha gny Evila-Merodaka nanjaka ro nisehoa gnizay.[32]Nivola moramora tamine re vaho


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nagnomey aze pilasy ambone vatane naho mpajaka hafa reo niarake tamine ta Babylona agne. [33]Nagnafake ty sikine maha gadra an dre Joiakina ty Evila-merodakay, vaho nihina tsy tampake tan-databa ty mpanjaka eo tamity andro sisa niagnane ty Joiakina, [34]vaho nagnomey hane soa isan'andro re tamity andro sisa niagnane zisike pahafatene.

# Lamentations

Chapter 1

[1]I tana ze feno ndaty tamy zay le mipetra-drery te amizao. Manjare manahake ty mpidai-bata re, na le firene nahere aza. Ire ro roamdriambave tamy reo firene eo, feie sinere ho amity fagnadevoza te amizao. [2]Mitagny naho mibababa re amity hale, vaho mandrakoke ty fifine raonomasone reo. Tsy nisy tamy reo tea aze mba nagnono aze. Nivalike amine ty ragnene iaby. Nizare rafene iereo.[3]Tafara ty tsy fanagna naho fijalea, le nalefa ho sensetane ty Joda. Miay amy reo firene eo re vaho tsy mahisake hasambara. Mpagnaraty aze iaby reo le nahatsatse aze tamity hakiviane.[4]Mandala lala gny Ziona reo satria tsy misy ndre raike aza niavy amy reo fampiavia voatingy. Maike ty vavahadine iaby. Miehake mpisorone reo. Malahelo mafe o tsy mahasaky lahy reo vaho ire vatane le agnate ty fijalea vatane. [5]Nizare tompone rafene reo; niroborobo rafene reo. Nampijale gn'Yaveh re naho hadisoane maro reo. Anagne kede reo le nizare ndevo amity rafene agne.[6]Niala tamity anak'ampela Ziona ty hasoan-tarehe. Nizare manahake ty serfa ze tsy mahisake ahetse anan-droandriagne reo, vaho mandeha tsy misy here agnoloa ty mpagnaraty aze eo iereo.[7]Amy reo androm-pijalea naho tsy hanagnane fialogna, le hahatiaro hanagna sarobily iaby ze nanagnane tamity andro taloha ty Jerosalema. Lahafa tonta an-tagna gnireo rafene ty ndatine, le tsy nisy nagnampe aze. Nahisake aze rafene reovaho nihehe tamity faharava.[8]nandiso bevata ty Jerosalema, naho izay, le nafahen-baraka manahake ty zaka maoloto re. Reo iaby nagnomey hasy aze le manao tsisy dikane aze te amizao zisikamity nahisaha gniereo ty fiboridane. Misento re vaho manday miodike. [9]Niavy naloto tambane zipone ao re. Tsy nandineke ty ho avine re. Nandagy ty fitontane. Tsy nisy ndre ia ndre ia nagnono aze. Nitoreo re tihoeke: "Henteo ty fijaleako, Yaveh, fa nanjare nihamaro ty mpalay.[10]Nametsake ty tagnane tamy reo hanagna saribily iaby ty mpalay. Fa nahisake reo firene nilitse tamity fitoboha masine re, na le fa nililie tsy hilitse amity toera ty fiangona ao aza iereo.[11]Misento iaby reo ndaty iaby laha nila mofo iereo. Natakalo mofo hanagna sarobily reo mba hagnere ty ay gniereo. Henteo, Yaveh, ko haligno raho, satria nizare tsisy dikane raho. [12]Tsy misy dikane aminareo vao, inareo iaby ze mandrio? Henteo kea ao ho hisanao laha misy alahelo gnondaty manahake ty alahelo ze mahazo ahy, zisike ze nampijalea gn'Yaveh ahy tamity andro ty hasia ty helone.[13]Bakagne amity abo ro nandefasane ty afo tamy reo taolako, vaho nahazo aze zay. Namelatse harato ho ahy ty tomboko re vaho nagnere ahy. Nanoene lao naho rerake avao raho. [14]Ty joga gnireo fandika-dily le nirae nafehene tamity tagnane. Nampifandraese reo vaho natoboke tan-tsoroko eo. Nandavo ty hereko re. Namea i Tompo ho an-tagna gniereo eo raho, ka tsy tafatsanga.[15]Nampisarotake lahilahy mafeko reo ze niaro ahy ty Tompo. Fa nikaike ty fiangona handietse ahy re mba hamoteke lahilahiko matanjake reo. Nandialia ty anak'ampela mboe tsy mahavany lahy ty Joda tamity famiaham-boaloboke ty Tompo.[16]Mitagny raho naho reo zaka reo. Ty masoko, mikororoke amity masoko ty rano satria lavitse ahy mpagnamafe ze tokone hampiandra ty fiagnako reo. Lao anako reo satria nandrese ty fahavalo. [17]Namelatse ty tagnane ty Ziona; tsy nisy ndre ia ndre ia nampiono aze. Nandily ty Yaveh fa reo ze magnodidy andre Jakoba le tokone ho rafene. Zaka maloto amy gniereo Jerosalema.[18]Mare ty Yaveh, fa iraho ro nivory handietse ty liline. Minjajigna, nareo ty ndatiko iaby, vaho henteo ty alaheloko. Nizare ndevo koloko reo vaho ndaty mefeko reo. [19]Mikaike ragneko reo raho, nefa namitake ahy iereo. Mate tan-tana ao mpisoroko reo naho roandriako reo, laha nila hane hampipoly ty ay gniereo.[20]Ingo, Yaveh, fa agnate fijalea ao raho, vaho magnotseke ty vavoniko, potepoteke agnateko ao ty foko, satria tena nivory vatane raho. Laha entea etoy, le mampijale ty rene ty mesobey, tsy misy afa tsy fate ty antragno ao.[21]Naharey ty toreoko iereo, nefa tsy nisy nagnamafe ahy. Naharey ty fijaleako rafeko iaby reo vaho fale iereo fa vitagnao zay. Fa ninday ty andro nampagnatenagnao riha; vaho ao iereo hizare manahake ahy te henane. [22]Ao ty haratia gniereo iaby hizare agnoloanao eo. Anovo manahake ty nanovagnao ahy naho hadisoako iaby reo iereo. Maro ty toreoko kea rerake ty foko.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

1 Nandrakoke ty anak'ampela Ziona tambane ty raho ty siane ao ty Tompo. Nariane bak
2 Fa nitele naho tsy nana ferenay tamity tana Jakoba iaby ty Tompo. Tamity andro ty siane ro nandravane tana reo
mimanda ty anak'ampela i Joda; tamity fahafaham-baraka ro nitonta ty fanjaka naho mpandiline reo tamity tane.
3 Tamity siake mafe ro nandiliane ty tsifa Israely iaby. Nafahane tagnoloa ty rafene eo ty tagnane ankavana. Noroa
manahake ty afo milebaleba ze mandrapake ty zaka iaby magnodidy aze ty Jakoba. 4 Manahake ty rafe ro
nagnidignane ty kiditse tamintika, vagno ty hitifitse ty ankavanane. Vinonone iaby ze tena nagneke aze tamity
tana ty anak'ampela i Ziona ao; navotsone manahake ty afo ty siane. 5 Nizare manahake ty rafe ty Tompo. Natelene
ty Israely. Natelene iaby ty lapane iaby. Fa rinobane fiarone mafe reo. Natombone ty fandala naho ty fitagnia
tamity anak'ampela i Joda eo. 6 Namango ty tabernakely manahake ty tragno boka ampisy folera egne re.
Rinobane ty fitoboham-piangona magnetseketseke. Fa nampagnaligno ty fiangona magnetseketseke naho ty
sabata ta Ziona ao ty Yaveh, fa fa nanoene tsisy dikane tamity tsy fagnaja ty siane ty mpanjaka naho ty mpisoro.
7 Nagnary ty alitarane ty Tompo vaho nandietse ty fitobohane masy. Nameane tan-tagna ty rafe ty manda lapane
reo. Nanondrotse korake tan-tragno gn'Yaveh ao, manahake ty tamity andro fampiavia voatingy iereo.
8 Nanampake ty hanimba ty manda ty tana ty anak'ampela i Ziona ty Yaveh. Hinenjane ty taly fagnametara vaho
tsy nitanjake ty tagnane tsy handrobake ty manda re. Nampitagny ty tovon-tane naho ty manda re; nirae
nikoramake reo. 9 Nitonta tamity tane vavahadin reo; rinobane naho nivakiene ty hily vavahadine reo. Ty
mpanjakane naho roandria reo le tamy reo firene eo, tsy nisy sasy ty lily tsy nahisaha fahisaha bakamy Yaveh
mpitokine reo. 10 Nitoboke taman-mpadineha tamity tane roandria ty anak'ampela i Ziona reo. Nanorake lemboke
tan-dohane eo iereo vaho nanao lamba fandala. Nagnodreke ty lohane tamity tane kolo gny Jerosalema reo.
11 Kitire ty ranomaso bakamy reo ty masoko; magnoritoke ty vavoniko; niroroke tamity tane ty tagnateko ao naho
ty halany ty anak'ampele ty ndatiko, ty harera gnireo kolo naho ty aja amy reo lala ty tana egne. 12 Hoe iereo amity
renene: "Aia ty vare naho ty divae?" laha rerake manahake ty ndaty fere amity lala ty tana gniereo egne,
nitsororoke an-tratra gnireo renene egne ty ay gnireo. 13 Ino ty azoko volagne aminao, ty anak'ampela Jerosalema?
Amity ino ty ampitovizeko, mba hahafahako magnono anao, ty anak'ampela tsy mahavany lahy i Ziona? ZTy
ferenao le bevata manahake ty riake. Ia ty afake hagnafake anao? 14 Fa nahisake fahisaha diso naho tsy sahaza ho
anao mpitokinao reo. Tsy 15 Ireo aby ze mandrio an-dala egne le mipo-tsatsok'aminao. Mililia naho mihifikifi-doha
amity anak'ampela Jerosalema iereo sady mivola tihoe: "Tsy toy va rie iaze tana ze kaihe gniereo tihoe'Iaze hasoa
le tsisy kiagney,' 'Iaze hafalea ho ahy ty tane iaby'?" 16 Manoka-bava naho magnaraty anao ty rafenao iaby. Manao
fihehea miharo kizake naho mihily vaza iereo ro mivola tihoe: "Fa natelegnay re! Intoy iaze andro fa
nambenagnay! Niay mba hagnete izay zahay!" 17 nanoe gn'Yaveh ze vinetsevetsene hatao. Nagnantanterake ty
tsarane re. Rinavane tsy nisy zaka hampijale riha, fa nameane lala ty rafe mba hofale aminao eo re; nasondrone
ty tsifa rafenao reo. 18 Nitoreo tamy Tompo ty arofo gniereo, le manda ty anak'ampela i Ziona reo! Arotsaho
manahake ty renerano isan'andro ty ranomasognao. Ko magnomey fitofa ho ahy ty ranomasognao. 19 Mifohaza,
mangataha amity hale, le amity fanomboha ty fiambena hale! Araraho manahake ty rano agnoloa ty tarehe i
Tompo ty fognao. Asondroto ho aze ty tagnano ho ahy ty ay anagnao reo ze rerake ty hakere an-kotron-dala eo
iaby." 20 Henteo, Yaveh, ka dineho reo ze nanao ze fomba zay. Feie vao tokone hihina ty naboa ty tso oampela reo, le
anake ze nibeizene reo? Feie vao tokone ho vonoe amity pilasine masy ao ty Tompo ty mpisoro naho ty mpitoky?
21 Sambe miroro amity lembo lala reo eo ty kede naho ty antetse. Lavo ty mesobey jampelako naho pamarakiko
reo; vinononao tsy misy feregnay iereo. 22 Kinaenao, manahake ty nikaihano ty ndaty ho amity andro fifalea,
nagnodidy ahy iaby ty tahotse, tamity andro ty sia gn'Yaveh le tsy nisy afa nilay na tafaboake velo; reo ze fa
kinarakarako vaho tinezako, le linany ty rafe.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Iraho le ndaty ze nahisake fijalea tambane ty hetae ty sia gn'Yaveh eo. [2]Nitaritane naho nampandehanane tamity
ieke raho fa tsy tamity zava. [3]Mete fa nivalike ty tagnane handietse ahy avao re, tamity andro raike.
[4]Nanmpalemene ty nofoko naho ty holiko; tinampane taolako reo.[5]Nananga faherano handietse ahy re, vaho
nilakoroene zaka-mafaitse naho zaka tsarotse raho. [6]Nampipoke ahy tamy reo tana maieke ao, manahake reo ze
fa mate nagnodidy ahy re kea tsy afa nilay raho. Nampavesarene ravako reo [8]vaho na le mikaike mafe naho
mikaike vonje aza raho, le ampitsignene ty vavako.[9]Sinakane tamity manda vita tamity vato vita paike ty lalako;
dinisone ty lalako. [10]Manahake ty bera miambe hanafike ahy tampoke re, liona amity fivoniane ao; [11]navione ty
lalako, natobone raike raho.[12]Nagneja ty kiditse re vaho nampitoboke ahy manahake ty kendre ty kidine.
[13]Nitomboke ty voako tamity fitoboha gn'izay re. [14]Nizare fikizahe ho ahy ty ndatiko iaby raho, zaka ty fikizaha
gniereo isan'andro. [15]Finenone jale raho tinerene hino zaka-mahafate.[16]Pinotepotene tamity tsilan-bato ty nifeko;
natosene tagnate lemboke ao raho. [17]Nafahane tamity fiadagna ty fagnahiko; halignoko zeo hafalea zao. [18]Kea le
hoe raho tihoe: "Rava ty faharetako vaho hoe izay kea ty fagnatenako amy Yaveh."[19]Tadidio ty fijaleako naho ty
firiorioko, iaze zaka mahafatey naho zaka mafaitsey. [20]Tadidiko avao zay vaho miondreke agnate ao raho. [21]Fa
tadidiko zay kea le mana fagnatena raho.[22]Ty fiteava tsy miova gn'Yaveh le tsy misy fijanogna vaho tsy misy
fiafarane ty fangorine, [23]vaovao isake maraindray re; bevata ty tokignao. [24]"Yaveh ro lovako.", hoe raho, naho izay
le hagnategna aze raho.[25]Yaveh le soa ho ahy reo ze mianbe aze, ho ahy reo ze mila aze. [26]Soa ty miambe avao ty
famonjea gn'Yaveh. [27]Soa ho ahy ty ndaty ty hindaisane ty jogane tamity hajajane. [28]Ao re hitoboke raike avao,
lahafa atoboke amine zay. [29]Ao re hametsake ty vavane amity lemboke eo-vasa hisy ty fagnatena.[30]Ao re
hagnomey ty fifine ahy ze mamango aze, vaho ao ho feno fahafaham-baraka re. [31]Fa tsy handietse antika
zisikagne ty Tompo, [32]fa na le mahavy alahelo aza re, le hana feregnay amity habevata ty fiteane tsy mivalike.
[33]Satria tsy nampijale ty an-pone ao na mampijale ana gnondaty reo re.[34]Ty mandialia gadra reo iaby an-tane eto,
[35]ty mandietse ty rarene ho ahy ty ndaty agnoloa iaze abo vataney eo, [36]ty mandietse ty rarene ho ahy ty ndaty
raike-le tsy eke ty Tompo ty zaka manahake izay![37]Ia ty nivola ka niseho zay, laha tsy tihoeke nagneke izay ty
Yaveh? [38]Feie vao tsy bakamity fitava iaze abo vataney vao ro hiavia loza reo naho ty soa? [39]Hanao akore ty
hitoreova ty ndaty velo iaby? Hanao akore ty hahafaha ty ndaty mitoreo mikasike ty fagnafaiza hadisoane reo?
[40]Ndao tika handineke lalantika reo vaho hitsapa iereo, vaho ndao tika hihere amy gn'Yaveh agne. [41]Ndao tika
hanondrotse ty arofontika naho ty tagnantika amy Nagnahare an-dagnitse agne tihoe: [42]"Nandietse naho nivory
zahay, vaho tsy nagnenga ty hadisoa riha. [43]Nandrakoke ty vatagnao tamity siake riha vaho nagnaraty anay,
namono riha vaho tsy nitsetse.[44]Nandrakoke ty vatagnao tamity raho riha mba tsy hisy vavake afake hilitse.
[45]Nanao manahake ty lo maoloto naho niliere tamy reo firene eo zahay. [46]Magnozo anay rafeney iaby reo, [47]niavy
taminay ty tahotse naho ty fitake, ty harava naho hapoteha.[48]Magneno rian-dranomaso masoko reo satria rava ty
ndatiko. [49]Hitagny tsy agnikijano, tsy misy kimijano masoko reo, [50]zisin-pagneteane ambane kea hahisake
bak'andagnitsegne ty Yaveh.[51]Miterake alahelo ho ahy ty masoko naho reo anak'ampela ty tanako iaby. [52]Nila
rafeko reo manahake ty voro raho; nila gniereo tamity tsy misy antone raho. [53]Natora gniereo tagnate lavake ao
raho vaho tinora gniereo vato, [54]vaho tinonjake rano ty lohako. Hoe raho tihoe: "ho mate raho!"[55]Nikaike ty
agnaranao, bakao amity halale ty lavake raho, gea Yaveh. [56]Regnao ty feoko lahafa nivola raho tihoeke: "Ko
manampen-tsofy amity kaeko."[58]Tompo eh, niaro ty aliko riha, nagnavotse ty aiko riha! [59]Nao gea Yaveh, hisagnao
ty raty nanoe gniereo tamiko; tsarao ty aliko. [60]Hisagnao ty fagnaratiaratia gniereo, ty kasa draty iaby nanoe
gniereo tamiko-[61]regnao ty kizagniereo, gea Yaveh, naho ty kasa gniereo iaby tamiko.[62]Ty sogny gniereo ze
mitsanga mandietse ahy, naho ty fanara gniereo ahy, le avy san'andro. [63]Henteo ty fomba fitoboha gniereo naho
fitsanganane bakeo; magnaraty ahy amity antsane iereo.[64]Valeo amy ze nanoe gniereo, gea Yaveh. [65]Tsy ho
megnare nao ty fo gniereo! Lonike ho amy gniereo eo ty helognao! [66]Magnidy iereo aman-tsiake riha vaho
mamoteke iereo bak'ambane ty lagnitse ao, gea Yaveh!


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Fa manjare maloto ty volamena; henhe ty fiova ty volamena malio vatane! Vato masy reo niparitake tan-joron-
dala egne iaby. [2]Anake saribily i Ziona reo le sahaza ty lanja gniereo amity volamena malio, fa amizao iereo le tsy
sahaza naho barika tanemanga reo, asa tagna mpanefe tanemanga reo iereo![3]Na ty amboa ntaolo aza matahotse
ty trane mba hampinono anane reo, nefa ty anak'ampela ty ndatiko le fa manjare lozabevata, manahake amity
tane efetse agne[4]Ty lela ty kolo minono le mipiteke amity lagnilagny naho ty arandrano; mangatake hane ty aja,
feie tsy misy hoaze reo. [5]Reo ze nihina hane lafo vily te amizao le kere an-dala egne; reo ze tineza nisiky siky
volomparasy, le miroro amity fako mikoronta egne te henane.[6]Ty fagnafaiza ty anak'ampela ty ndatiko le bevata
naho ty ani Sodoma, fa rinava tagnate ty andro bory zay vaho tsy nisy nanan-tagna mba hagnampe aze.
[7]Mpitarike aze reo le nalio kea naho ty oram-javo, foty kea naho ty ronono; ty vata gniereo le mena madera naho
ty haran-driake, ty tagna gniereo le manahake ty safira. [8]Ty pozy gniereo amizao le maieke naho ty lila; tsy hay
an-dala egne iereo. Ty holy gniereo le nipiteke tamity taola gniereo; nizare maike ty hetae zay.[9]Reo ze vinono
tamity mesobey le sambatse kea naho reo ze mate ty hakere, ze osa, tinomboke tamity tsy fahampea ty vokatse
baka an-baibo agne. [10]Ty tagna ampela reo le maleme fagnahy le fa nahandro anane reo avao; nanjare hane
gniereo zisike ty andro nandrobaha ty anak'ampela ty ndatiko iereo.[11]naneho ty siane iaby ty Yaveh; nandrotsake
ty siane maisake re. Nandrehetse afo ta Ziona ao mba handrobaha ty fitobohane re.[12]Tsy nino mpanajak reo ty
tane, vaho tsy nino ty ndaty ze iaby zao, fa afake nilitse tamy vavahady i Jerosalema reo fahavalo mandietse reo.
[13]Niseho zay naho ty hadisoa mpitoky reo naho ty hadisoa mpisoro reo ze fa nampip[oke ty lio ty mare
tagnivoane eo.[14]Niriorio, poake, tamy lala reo egne re. Tena vita loto vatane tamy ze lio zay iereo kea tsy nisy
nagnega mba hikasike ty siky gniereo. [15]"Miala! ty Maloto!" hoe ty kora ty ndaty tamy gniereo. "Miala! Miala!" Ko
mikasike!" Kea le niriorio iereo; hoe ty vahoake tamy reo firene reo tihoe: "Tsy mahazo mijano eto sasy
iereo."[16]Yaveh mihintsy ty nagnaparitake iereo; tsy nagnete iereo sasy re. Tsy nagnomey hasy mpisoro reo iereo,
vaho tsy naneho hato tamy roandria reo.[17]Mivembe ty masognay, miambe vasoke ze hagnampe anay; bakamireo
tilikambo fiambenagnay ro nagneteanay ty firene ze tsy afake namonje anay. [18]Nagnorike liagnay reo iereo, tsy
afake nandeha tamy lalagnay reo zahay. Marine ty faragnay vaho vita isake andrognay reo, fa ho avy ty
fiafaragnay.[19]Ty mpagnejeke anay le malaky fandeha naho voromahery an-dagnitsegne reo. Nagnejeke anay tan-
bohitsegne iereo vaho nanao otreke ho anay tangnefetse agne. [20]Ty fofognay amity vavoragnay eo le-iaze voahoso
gn'Yaveh- Ire iaze voatsepake tan-dava gniereo aoy; iaze vinola tihoeke: " Ambane ty alone ao ro hahavelo anay
amity firene iaby."[21]Mifalea naho mitsinjaha, ty anak'ampela Edoma, iriha ze mitoboke amity tane Oza ao. Fa ho
anao avao kea ty hagnomeza ty kapoake; ho mamo riha vaho tsy hampisiky ty vatagnao. [22]Ty anak'ampela Ziona,
fa hijano ty fagnafaiza anao, tsy hagnalava ty sesentanegnao re. Kanefa ty anak'ampela i Edoma, hagnafay re; tsy
haminy hadisoagnao reo re.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Tadidio, gea Yaveh, ze nahazo anay, henteo vaho dineho ty fahafahambaragnay. [2]Nafindra ho ahy vahiny reo ty
lovagnay; ty tragnonat ho ahy reo firene hafa. [3]Nizare bode zahay, bode rae, vaho ty roenegnay le manahake ty
mpinday bata. [4]Tsy maintsy mandoa volafoty ho ahy ty rano nome zahay, vaho tsy maintsy mandoa volafoty vaho
mahazo ty hetaegnay.[5]Reo ze nagnejeke anay le marikitse afaragnay; rerake zahay vaho tsy mahisake fitofa. [6]fa
nanolo bata ho ahy Egypta naho Asryana zahay mba hahazoa gnay hane sahala. [7]Nandiso razagnay bey reo, vaho
tsy eo sasy iereo, vaho zahay ro mizaka ty hadisoa gniereo.[8]Ndevo reo ro manjaka aminay eo, vaho tsy misy
hagnafake anay an-tagna gniereo eo. [9]manao soro ty aignay zahay vaho mahazo ty mofognay, naho ty mesobey
agnefetse agne. [10]Niha nahamay manahake ty fatapera ty holignay naho ty siake milebeleba.[11]Voarava ampela reo
ta Ziona ao, naho ilane mboe tsy mahasaky lahy tamy reo tana i Jodao. [12]Nahanto tamity tagnane avao roandria
reo, vaho tsy namen-kasy roandria reo.[13]Sinere hikoseke vare tamity fikoseham-bare ajiahy reo, vaho aja lelahy
reo le miviombio mibata hetae. [14]Niala tamity vavahady ty tana roandroa reo, vaho nagnenga ty zaka magneno
gniereo ty ajiahy.[15]Nijano ty hafaleam-pognay vaho niova ho fandala ty dihignay. [16]Nipoke bak'andohagnay egne
ty satron-kasy; loza ho anay, satria nandiso zahay![17]Naho izay le narare ty fognay, vaho nizare tampe ty
masognay, naho reo zaka reo le nanjare tampe ty masognay, [18]satria ty vohy Ziona nitoka, ze misy amboan-taolo
miriorio amine egne.[19]Fa iriha, gea Yaveh, le manjaka zisikagne, vaho iriha le hitoboke amity seza fiankinagnao
eo zisikamity zafe afe mifamdimbe. [20]Nanao akore zahay ro halignonao zisikagne? Nanao akore riha ro mahafoe
anay amity andro maro? [21]Ampolio aminao zahay, gea Yaveh, le hihere. Havaozo manahake ty taloha ty
andrognay- [22]laha tsy hoe fa nilieregnao vatane zahay vaho tena meloke vatane aminay riha.

# Ezekiel

Chapter 1

[1]Tamity tao faha telopolo, ty volam-pahefatse le ty andro fahasime ty vola le izao ty misy naho mbe nipetrake
amiareo babo, tsgnila ty lakan-drano I ke ara Raho nisokatse ty lagnitse, sady nahisake fahisaha boake
amin'andragnahare Raho.[2] Tamity andro faha dime i vola zay-tamity tao fahadime ty nanao sesetane i Joiakima
mpanjaka. [3] Le niavy tane Ezekiela anadahy Bozy ty mpisoro ty saontsy Yaveh tamity tane iareo Kaldeana
agnilaty lakan-drano kerbara, sady ty tagna Yaveh le tamine tao.[4]Le nagnete Raho, sady nisy tafion-drivotse boake
avaratse, nisy raho bey nisy afo milelalela naho hazavà, magnodidy aze naho amponao, sady ty afo manahake ty
lonkontane misy mavo ampoty Raho. [5]Ty agnivone le hoe misy raha managnay efatse. Izay ty tahafe iareo:
nanahake ty ndaty iareo. [6]Kane iareo sambe manantaterake efatse aby, sady iareo raha managnay le sambe mana
elatse efatse iaby.[7]Nahity ty tomboiareo fa ty lelantombone le mitovy amity hotronana-k'agnombe, le mamiratse
manahake ty varahy mipiriake. [8]Kane nana tragno ondaty tambane elane iareo tamity ampahane efatse iaby.
Tamiareo efatse, le manahake izao ty tarehe iareo, naho ty ela iareo. [9]Ty ela iareo le mifampikasike amity ela ty
raha managnay ty agnilane, sady tsy harefe iareo naho nandeha, fa kea sambe nandeha mahity.[10]Ty manahake ty
vata iareo manahake ty vata ondaty, ty ankavana tyvvata iareo efatse, ty amiareo, le manahake ty lio, le ty
ankavia ty vata iareo manahake ty agnombe iareo efatse kea, le mba mana fitiava amity voromahere.[11]Manahake
zay ty tahafe iareo sady ty elane mivelatse ambone sambe mana ty elane iaby iareo, raha managnay iereo,
mifampikasike amity raha managnay hafa, le ty elane roe avao kea ty nandrakoke ty vata iareo. [12]Sambe
mandeha niagnaloha iareo, ndra nimbaimbay, ty nandesa ty fagnahy iareo le nandenane, nandeha tsy niharefe
iareo.[13]Naho ty manahake ty Raho managnay, le manahake ty voanafo magnoro, ro fahisagn'aze, amity manahake
ty fanilo, nisy afo mamirapiratse kea ty nivovo isake ty raha managnay le nisitse mihemotse tsiela tsiela, sady
nana endreke manahake ty helatse iareo![15]Sady nagnete tane amiareo raho; nisy sarete raike ty tagnila iareo raha
managnay. [16]izao ty fahisafa ty laha iareo sarete: sambe manahake ty krysolita iareo sarete, sady sambe mane
endreke mifanahake iareo efatse ty manahake iareo naho ty laharane, le manahake ty sarete mifampiditse.[17]Naho
nisitse iareo sarete le nandeha tsy nivily tamity lala nandehanane ty niatrefa ty raha managnay iareo. [18]Naho ty
amy tisisine, le abo naho mampatahotse iareo, naho ty maha feno maso ty magnodidy.[19]Isake mikasike iareo ty
raha managnay, le mikasike marine iareo ty sarete. [20]Na iaia, tea ty fagnahy andehana, le le nandehana iareo, le
niala tamiareo ty sarete. Naho ty fagnahy iareo raha managnay tamity sarete. [21]Naho nikasike iareo raha
managnay, le nikasike iareo sarete kea, naho fa nisitse tamity tane ty raha managnay, le niala tagnila iareo kea ty
sarete.[22]Ty tambone ty loha iabe raha managnay, le nisy raha manahake ty olo mivelatse, manahake ty endre ty
volo ty Krystaly, mahavarea mivelatse andoha iareo zay. [23]Ty ambone elo le sambe mivelatse mahitsy ty ela iareo

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

raha managnay kiraikiraike, sady nifampikasike amity ela ty raha managnay hafa. iareo raha managnay le sambe mana ty elane roe manahake ty vatane, sambe mana elane roe handrakoke ty vatane.[24]Le naharey ty fihapokapo ty ela iareo raho manahake ty firoaroa ty rano mandeha.Manahake ty feo tsitoha isake ty areo mandeha, manahake ty feo ty hotrokora. manahake ty feon-tafike. Isake te nitsanga iareo, le nampizotso ty elane. [25]Nisy feo niakatse ty tamity elo ty tambone ty loha iareo, naho mbe nitsanga naho nanjotso ty elane iareo.[26]Ty tambone elo ty tambone loha iareo, le nisy raha manahake ty seza fiandria, manahake ty vato safira ty fahisaafa aze, le tamy ty saza fiandria, le misy manahake ty lahilahy ty fahisafa aze.[27]Nahisake sare manahke ty metaly mamirapiratse misy afo, ty agnate ty nanomboke ty tamy ty valahane naho miakatse raho. [28]Manahake ty hava agnate raho amity andro boake nagnora ro fahisafa ty jiro mazava magnodidy zay , manahake ty voninahy Yaveh zay, naho mahisak'aze Raho le nikoropake nihohoke, sady naharey feo nirehake.

Chapter 2

[1]Hoere tamako tihoe: "o ry ana ô ndaty, mitsangana, sade le hivola aminao Raho." [2]Tafara izay, naho mbe
nirehake tamiko re, le nilitse tamiko ty fagnahy naho, le nampitsangagnahy, sady reiko re mirehake amiko.
[3]Hoere tamiko tihoe o ry ana ô ndaty, mandefa anao ho amity, ndaty Israely raho, amiareo, firenena, mpiego ty
niego tamako-na iareo, na ty Razambeine, le sambe nanonta amako zisike androany![4]Mana endreke mafe loha
naho mafe fo iareo tarana iareo. Nagnirak'anao ho amiareo raho, sady hirehake aminareo riha tihoeke zao ty
saontsy Tompo Yaveh'. [5]Na iareo hijanjy, na iareo tsy hijanje. Taranake mpiogo iareo, fara fahakede iareo,
hahafantatse ty mpitoky ty tamiareo.[6]Iriha, ana ondaty, tsy matahotse iareo, na ty rahararareo. Tsy matahotse, na le
misy lefondriha, sady na le tsy miarake amity tsy mahity Riha, Tsy mamen-jaha amity reha iareo, na matahotse ty
tarehe iareo, naho iareo tarana ty mpiogo.[7]Naho iriha, nirehake ty rehako tamiareo, na nijanjy iareo na ahaê,
mpiogo avao iareo. [8]Fa iriha, ro ana ôndaty, janjegno ty raha rehafeko aminao.Tsy miogo manahake ty tarana ty
mpiogo. Sokafo ty vavanao sady hano ty fa namea anao!"[9]Le nagnete raho, sady nisy tana nitsotra ty tamako; nisy
horognan-taratasy voa soratse ty tagnate izay. [10]Nisokafene agnatrehako ze sambe voasoratse iaby na ty agnoloa
na ty ambalike sady ty voasoratse am'o fitaraign, fandala naho hakeo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Le hoere tamakotihoe: O ry ana ô ndaty, ze hisagnao, le hano. Hano ty horognan-taratasy toy, le mandena,
mirehafa amity ndaty Israely". [2]Kea nanohatse ty vavako raho, le nifahanane horogna-ntaratasy zaay.[3]Hoere
tamako: Ory ana ô ndaty, vakio ty trgnao, le feno amity horognan-taratasy hameako anao toy ty vavoninao! kea le
nihina izay raho, le mamy manahake ty tantele tambavako zay.[4]Hoe re tamzko tihoe: ory anagn'ondaty, mandena
amity longo ty Israely, le Rehafo amiareo ty saontsiko.[5]Tsy halefa amity ndaty hafa rehake riha na rehake sarotse
fa amity longo ty Israely-[6]Tsy amy ty firenena bey ty hafa rehake naho ty saron-drehake ze tsy ho azone ty
rehane! naho nandefa anao amiareo raho le ho nijanje anao iareo. [7]Naho zay ty ana Iaraely, le mafe handrigne
naho mafe fo.[8]Ingo, fa nametrake ty vatagnao manahake ty vatane raho le ty handrinao, mafe hanahake ty
handriareo. [9]Natako manahake ty diamondra ty handrinao, mafe naho ty afovato! tsy natahotsaze iareo na
hakamoa ty tarehene, naho iareo tarana ty mpiogo."[10]Le nirehake tamiko re tihoeke, o ry anaondaty ty saontsy
nambara anao zay-raeso amponao reo sady antongilano amiareo ty sofinao! [11]mandehana amiareo babo, ty
amiareo ndatinao, sady mirehafa amiareo. Rehafo amiareo tihoeke: zao ty saontsy tompo Yaveh, ndra hijanje
iareo ndra ahae."[12]Le niala ahy ty fagnahy, le naharey feo horohorontane bey tafarako raho: "Hisaora rie ty
voninahy Yaveh boake amity toerane!" [13]zay ty ela iareo raha managnay naho mifampikasike iareo, naho ty feo
iareo sarete niarake tamiareo naho ty feon-korohorontane bey.[14]Nampiala ahy ty fagnahy sady nanday ahy, le
nandeha niarake amity fay ty helo ty fagnahiko raho. fa ty vata Yaveh ty nanindry ahy tamaty hery! [15]Kea
nandeha amiareo babo tagne telabiba ty nipetrake amity moro i ony kebara raho, le ninjato amiareo agnate ty
fito andro, le eneke ty fahisafandraho[16]Le niavy amako ty saontsy Yaveh afara ty heloke nanao tihoeke: [17]Ory ana
ôndaty, ataoko ho mpiambe ty ndaty Israely riha, mijanjigna rehake boake amity vavako. Sady omeo iareo y
fampitandremako. [18]Naho mirehake amity raty fagnahy raho tihoeke ho mate vatane riha sady tsy mampitandre
na mirehake fampitandrema ty raty fagnahy mimba iareo asa ratine, hahafane miai riha-le ho mate naho ty
fahotane ty raty fagnahy, fa ho takeako amity tagnanao ty lione. [19]Fa naho mampitandre ty raty fagnahy riha, le
tsy miala amity faharatiane, na amity asa raty re, le ho mate amity fahotane re, haharombake ty fiainao riha.
[20]Naho mivalike amity fahamaregna ty ndaty mare raike sady nanao ty ty tsy mete, le hametrahako vato feheloha
ty agnilane, le ho mate ré, naho i riha tsy mampitandr aze, le ho mate amity fahotane re, le hohalignovako ty asa
soa nataone, ho takeko amity vatagnso ty lione. [21]Fa naho mampitandre ty ndaty mare riha, hijano amity fahota
naho le tsy hanonta sasy rehe, le hiay vatane re naho ty fampitandrema, sady nahavonje ty fiainao riha."[22]Tamiko
teo ty tagna Yveh, sady hoere tamiko tihoe: "Mitsangana! mandena miakara amity lohatsaka, le hirehake aminao
agne raho!" [23]Nitsanga raho naho nindeha niboake tagne amity baibo, le nitoetse eo ty vonenahe Yaveh,
manahake ty vonenahetse hisako tagnila ty lakan-drano kebara; ka le nagnondreke ty vatako raho.[24]Namonje ahy
ty fagnahy le nampitsanga ahy tamity tomboko; naho nirehake tamiko re, nanao tamiko ty hoe: "mindehana naho
hilio an-tragnonao ao ty vatagnao, [25]fa henake zao, ry anag'ondaty, hagnisy taly aminao eo iereo naho hamehe
anao le tsy misy hiboahanao amy iereo ao.[26]Hapiteko amity lagnilagninao ty lelanao, le ho lasa riha, naho tsy
afake ty hirehake mafe iereo, satria foko mpavande iereo. [27]Te laha fa mirehake aminao raho, le ho sokafako ty
vavagnao le hirehake amy iereo riha ty hoe: " Ezao ty nambara tompo Yaveh: 'Ty raike ze maharey le haharey; ty
raike ze tsy mijanjy le tsy hijanjy, satria foko mpavande iereo!"

Chapter 4

[1]Fa iriha, ry agn'ondaty, mangalá borike ho anao naho atoboho agnoloaano eo za. Bakeo le anovo sokitse amizay
eo ty tanàgn'i Jerosalema. [2]Le manaova faherano hagnisia izay, naho magnoregna manda hanohetse izay.
Manangana tovon-tane fanafiha hagnisy izay naho magnisia tobe magnodidy aze. Agnengao fiambe vy fadrobaha
magnodidy zay. [3]Bakeo le mangala lapoaly vy ho anao naho ampiasao hanahake ty manda vy ampagnivoanao eo
naho ty taná zay naho ampiatreho izay ty vatanao. Fa hatao faherano zay, naho riha ro hanao faherano izay. izay
ty ho famantara amity fokogn'Israely.[4]Bakeo, miroroa amity agnilane ankavianao naho apetraho amizay eo ty
hadisoa ty fokogn'Israely; riha ty hinday ty hadisoagn'iereo zisike amity isa ty andro hiroroanao hanotse ty
fokogn'Israely. [5]Izaho avao ty manendre andro raike mba hanoroa ty tao kirai-draike ty fagnaliloa iereo hoanao:
390 andro! ze dineke zay, ty hindaisanao ty hadisoa ty fokogn'Israely.[6]Laha fa fenognao reo andro reo, le miroroa
fagnindroene amity agnilanao havana, fa hinday ty hadisoa ty fokogn'i Joda zisike amity efa-polo andro riha.
Mitondro andro raike hoahy ty tao kirai-draike ho anao raho. [7]Atoliho magnatreke i Jerosameme teie atao
faherano ty vatagnao, naho mamisavisá hanohetse aze mity sandrignao tsy mitako. [8]Fa ingo! magnisy fehea
aminao raho mba tsy hivalibalihanao amity ilane raike ho amity hafa mandram-pahafenognao ty andro ty
faheranonao.[9]Mangalá varem-bazaha, vare hordea, tsaramaso, tsiasisa, ampemba naho spelta ho anao; apetraho
agnate fagnajaria raike avao reo naho manova mofo ho anao arake ty isa ty andro ze hiroroanao amity
agnilanao. Zisike 390 andro ty hihinanao izay. [10]Ty hane ho hanenao le ho lanja ty sekele roapolo isan'andro, naho
hohanenao amity fotoa voamare isan'andro iaby zay. [11]Le hinondrano riha, le nimafe tamity ampahaene ty fihina,
naho ho nome amity fotoa voamare avao kea zay.[12]Hohane manahake ty mofo mamy vita amity vare hordea zay
feie ho entenao ketae dikegn'ondaty amasogn'iereo eo! "fa hoe ty Yaveh ty hoe: "Midika zay fa tsy mofo ze hohane
ty vahoake israely le haloto, agne amy iereo firene ze handroahako iereo".[14]Fa hoe raho ty hoe: "Nefa, ry tompo
Yaveh! Tsy mboe naloto vatane raho! tsy mboe nihina na zaka mate ty biby, nanomboke tamity fahakeleako ka
zisike amizao raho, naho tsy mboe nilitse ty vavako ty hena maloto!" [15]Ka hoe re tamiko ty hoe: " Ingo! nomeako
tainagn'ombe riha ho solo ty dikegn'Ondaty mba hahafanao mikarakara ty mofonao amizay eo."[16]Hoe re avao kea
tamiko ty hoe: "Ry anagn'Ondaty! Ingo! tampaheko ty fagnomea mofo ao jerosalema, naho hihina mofo am-
pizarang'izay eo amy ty tahotse iereo naho ninon-drano am-pizaragnizay eo amity fiholiboro. [17]Satria hijale mofo
naho rano iereo, le hatahotse amity rahalahine ty ndaty iaby naho hiharava noho ty zaka vitagn'iereo"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 5

[1]Bakeo riha,ry anagn'ondaty, mangala meso masio manahake ty fagnarata vaoke ho anao, naho, naho ampombao eo amity lohanao naho ty vaokenao ty fiharatse, bakeo alao ty vaokenao ty fiharatse,bakeo alao ty vato-balantsy mba handanja naho hanaraha ty volonao. [2]Oró amity afo agnivo ty taná eo ty ampahatelogn'izay, naho hagnakatse meso haneseha reo vahoake raho.[3]Fa mangalá isam-batanolo kelekele amy iereo le fehezo amity sisin'akanjo reo. [4]Bakeo le mangalá volo maromaronké le atoraho agnivo ty afo eo zay, naho Oró amity afo ao zay, fa hisy afo hiboake bakeo hoagne amity foko Israely iaby."[5]Ezao ty safagn'i Tompo Yaveh: Itoy ro Jerosalema agnivo reo firene, ty nametrahako aze, naho nagnodidignako aze tamity tane hafa. [6]Te ne nilietse ty liliko tamim-paharatia mihoatse ty anagna ty firene re, naho ty liliko mandako reo taná ze magnodidy aze. Te fa nilietse ty tsarako ty vahoake naho tsy nindeha tamy reo liliko."[7]Laha izao le zao ty safagn' i tompo Yaveh: satria riha manahira kea toy zay reo firene aze magnodidy anao naho tsy nindeha tamity liliko na niaa arake ty liliko, na niasa arake ty lilign'ity firene magnodidy anao," [8]laha izao le zao ty safagn'i i tompo Yaveh: Ingo! Hiasa hanohetse anao raho. Hanao fitsara agnivonao eo raho mba ho hentea reo firene.[9]Hataoko aminao ze tsy mboe nataoko naho ty mitovy amizay le tsy hataoko zaze, noho reo asa ratiratinao iaby. [10]Laha izao le hihina ty anake agnivonareo eo ty Rae, naho reo anake hihina ty raene satria hanao fagnitia aminareo eoa raho naho hamoteke anareo iaby ze sisa ho amity lala iaby.[11]Laha izao, laha mboe velo kea raho-Izay ty fagnambara tompo Yaveh-Izay le satria nampaloto ty fitobohako masy vatane riha miarake amy reo zaka mampangaroharo naho reo asagnareo mampangaroharo iaby, fa iaho vatane ro hampihe isake anareo; tsy hanafiferenaigna aminareo ty masoko, naho tsy hitsitsy anareo raho. [12]Ty ampahatelognareo le ho mate ty arete-mandany, le ho mae kere agnivo iereo eo. Ty ampahatelone le ho tonta ty meso magnodidy anao. Naho bakeo le hizara ty ampahatelogne amity lala iaby raho, naho hagnakatse meso haneseha iareo avao kea.[13]Naho le ho vagno ty heloko, naho hahavory ty heloko amy iereo raho mba hijano. Ho afa-po raho, naho ho haign'iereo fa izaho, Yaveh, le fa nirehake tamin-keloke laha fa nahavy ty heloko tamy iereo raho. [14]Hanoeko ho poteke naho fiafaham-baraka amity firene ze magnodidy anao riha amasogn'ity ndaty iaby ze mandrio.[15]Ka hindrare zaka fasiake naho fandratia-ratia ho ahy ty ndaty hafa ty Jerosalema, fandefera naho horohoro ho ahy reo firene ze magnodidy anareo. Hanao ty fagnitia hanohetse anao amin-keloko naho amim-pisosora, naho am-pirehafa mafe raho.-Izaho, Yaveh le fa nagnambara izay! [16]Handefa tsipike mafe ty kere hanohetse anareo raho teie hinjare anto ty hanimbaho anareo. fa hampitombo ty kere aminareo eo raho naho hanapake ty fagnomeamofognareo. [17]Handefa kere naho loza hanohetse anareo raho le tsy hanagnanake nareo. Ty arete-mandany naho ty lio le hoavy aminareeo, naho hinday ty meso hagnisy anareo raho. Izaho, Iaveh ro le fa nagnambara izay."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 6

[1]Niavy tamiko ty tsara Yaveh, nanao tihoe: "Nareo anagn'ondaty, ampagnatrefo ani vohy Israely reo ty tarehenao
vaho mitokia anmy gniereo. [3]Volagno tihoe: 'Nao vohy Israely, njigno ty tsara ty Tompo Yaveh! Ezao ro tsarae ty
Tompo Yaveh amy vohitse reo naho amy haboa reo, amy lakan drano reo, naho amy baibo reo: Ingo! Minday
mesobey mandietse anareo raho, vaho handrava fitoboha abonareo reo.[4]Le ho rava alitaranareo reo vaho ho
rava ambenareo reo, vaho hariako magnoloa aoly gniereo reo ty fatenareo. [5]Hamppitoboke ty fate ty ana
gn'Israely agnoloa ty aoly gniereo eo raho, vaho hagnapritake ty taolanareo feno ty alitara.[6]Ndre Aia ndre Aia
itobohagnareo, le ho foa tana reo vaho haonga fitobohane abo reo, kea ho foa ty alitaranao vaho ho rava. Le ho
poteke iereo vaho hanjavo, hatonta ambenareo reo vaho ho fafa asanareo reo. [7]Hitonta agnivoa nareo eo ty fate
le ho hainareo fa Iraho ro Yaveh.[8]Fa hintajake sisa aminareo eo raho, vaho hisy ilane ho tafalay amity mesobey
amy reo firene eo, lahafa miele feno ty tana nareo. [9]Bakeo reo ze nilay nandineke ahy amy firene reo eo ze
hintajake iereo ho ndevo, fa Iraho le nalahelo tamity fivaliha ty fo gniereo ze nivalike tamiko, vaho tamity maso
gniereo ze naandiso nagnorike aoly gniereo reo. Le haneho fangory amity tarehe gniereo egne tamity haratia
nanoe gniereo niarake tamity vetaveta iaby iereo. [10]Kale ho hay iereo fa iraho ro Yaveh. Izay ty antone
nivolagnako fa hinday raty toy amy gniereo eo raho.[11]Ty Tompo Yaveh mitsara izao: Mitehafa vaho ajanogno ty
tombonao! Volagno tihoe: 'Feie! naho ty vetaveta raty ty Longo Israely iaby! Fa ho tonta ty mesobey, Kere, vaho
arete mandany iereo. [12]Ze lavitse le ho mate ty arete mandany, vaho ze marikitse le ho tonta ty mesobey. Reo ze
sisa naho mboe velo le ho mate ty kere. Hasiake amy iereo amity lalane raho.[13]Le ho hainareo fa Iraho ro Yaveh,
lahafa ty fate gniereo ro hiampatse amity aoly gniereo eo reo, feno ty alitara gniereo, amity tane haboa iaby egne-
ambone reo lengo ty vohitse iaby, vaho ambane ty hetae misandadake iaby naho hetae terebinta mateve-reo
pilasy ze nagnoroa gniereo linte ketae magnitse ho ahy aoly gniereo iaby reo. [14]Hamango amity tagnako raho
vaho hampipoke ty tane ho maike naho foa, bakamity tane efetse ka zisika Dibla agne, Feno ty pilasy iaby ze
itoboha gniereo. Le ho hay gniereo fa Iraho ro Yaveh."

Chapter 7

[1]niavy tamiko ty saontsy Yaveh, nanao tihoeke. [2]Iriha, ro Anaôndaty-zao ro saontie Tompo Yaveh amity tane
Israely." Fiafara! avy amiareo zorontane efatse ty fiafara.[3]Androany le aminao ty fiafara. Satria Handefa ty heloko
aminao Raho sady hitsara anao arake ty fombanao. sady handay anao amity fahavetavetako Raho. [4]Fa tsy
hagnete anao ty masoko, sady tsy hamindra arofo aminao Raho. Fa kea handeseko aminao ty fombanao, sady ho
agnivonao ty fahavetavetanao, le ho hainao fa iraho ro Yaveh.[5]Zao ro saontsie i tompo Yaveh: Rehafo! tsy misy
manahake zay! Ing, " ho avy zay [ fagnamarena: Naho tokone ho zao: Rehafo tsy misy zay! ty dika tirehake
manahake tilane le manao tihoelke. " Loza miampe loza! ] [6]Hoavy vatane ty fiafara, nifiha ganolotse anao ty
fiafara. Ingo, avy zay!
[8]Tsy ho ela handrarake ty heloko naho hameno ty rarempoko aminao Raho. [9]Fa ty masoko le tsy hagnete
ampatahora sady hamindra arofo aminao Raho. Manahake ty nataonao ro hanoeko aminao, sady ty
fahavetavetako le ho agnivonao kea le hahafantse riha fa Iraho ro Yaveh, magnasaze anao.[10]Ingo, ty andro! Ingo,
avy zay! ho avy ty fiafara ty raty! Mirongo y ranketa,mitsimoke ty avognavo! [11]Nitombo amity rankataene ty
faharatia ty hery-tsy misy amiareo, sady tsy misy amity ndaty iareo. Tsy misy amiareo harene, sady tsy misy
amiareo mana ty lanjane haharetse![12]Hoavy ty fotoa miharine ty andro. Tsy enga hazoto ty mpivily, na ty
mpivarotse handala,naho ty heloko amity ndaty iaby. [13]fa ty mpamarotse le tsy hagnere zisike amity farane ty fa
letake, naho mbe velo kea iereo, satria manohetse ty ndaty iabe ty fahisake. Tsy mihere iereo satria tsy misy
ndaty velo amity fahotane hahery.[14]Nitioke ty trompetra iereo, sady nagnoma ty raha iabe, kane tsy nisy niditse
nialy; naho ty heloko amity ndaty aby. [15]Ty mesa le amity ambohone, sady ty arete mandroboke naho ty kere le
ampotragno bey iareo agnala le ho mate ty mesa, naho hanimba iareo amity tana kea ty kere naho ty arete
mandrombake. [16]Iareo sisa velo ilane le handositse ty boake amiareo, le hoambonevohitsagne iareo. Manahake ty
voromahilala, amity lohatsaka iareo aby-ty ndaty kiraikiraike naho ty helone iabe.[17]Hihonzongozo ty tagna iaby
vaho haleme manahake ty rano ty ongotse iaby, [18]vaho hisiky siky fandala iereo, vaho hanakoke iereo ty tahotse;
vaho ho amity tarehe iaby eo ty hegnatse, vaho ty hasola ho amity loha gniereo iaby. [19]Hanorake ty volafoty
gniereo amity lala egne iereo vaho ty volamena gniereo le hanahake ty fako. Ty volafoty naho ty volamena
gniereo le tsy ho hagnavotse iereo amity andro ty sia Yaveh. Tsy ho voavonje ty ay gniereo, vaho ho voky ty
hakere gniereo, satria ty helone le nizare vato manonta.[20]Amity avognavo ro hangala gniereo ty hasoa ravane vita
ravake reo, vaho amy reo ro hanova gniereo ty sare vetaveta gniereo, naho reo zaka mampangory gniereo reo.
Naho izay, le havaliko ho zaka maloto amine zaka reo. ~[21]Bakeo le hameako ho ndevo an tana gnireo vahiny eo
vaho ho ndevo amy raty fagnahy reo ty tane zaka reo, ka handoto reo iereo. [22]Le hagnody ty tareheko amy
gniereo raho lahafa mandoto ty pilasy sarobiliko iereo; hilitse ao mpamaraky reo ka handoto izay.[23]Misikina rojo,
satria ty tane le feno ty fitsara ty lio, vaho ty tana le feno hereloha. [24]Kea hinday raty fagnahy vatane reo amy
firene reo raho, vaho ho hanagna gniereo ty tragnone, vaho hamara ty avognavo ty mahere raho, fa ho haloto
pilasy gniereo reo! [25]Ho avy ty tahotse! Hila fiadagna iereo, kanefa tsy hisy zay.[26]Loza miampe loza ro ho avy, vaho
hisy tsiko miampe tsiko. Le hila fahisaha bakamity mpitoky iereo, kanefa ty lily le ho simba bakamy mpisoro reo
vaho ty torohae bakamy roandriandahy reo. [27]Ty mpanjaka le handala vaho ty roandriandahy hisiky famoeza,
laha ohatse ka hatahotse ty tagna vahoa ty tane reo. Amigny zay ty fomba gniereo avao ro hanovako izay amy
gniereo! Hitsara iereo amity fanaone raho zisipahaia gniereo fa Iraho ro Yaveh."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 8

1Vaho tamity tao fahene naho ty vola fahene, tamity andro fahadime ty vola, laha nitoboke an-tragnoko ao raho
vaho roandria Joda reo nitoboke tagnoloako eo, le nipoke amiko eo ndraike ty tagna ty Tompo Yaveh. 2Ka nagnete
raho, vaho Ingo, nisy pozy ndahilahy. Nisy afo nanomboke tamity agnilane mizotso. Vaho nanomboke tamity
ilane miakatse le nanahake zaka mamiratse, manahake ty vy mamiratse.3Vaho nanonjotse manahake ty tagna re
ke nandrambe ahy tamity volon dohako; nanondrotse ahy tagnivoa ty tane eo naho ty lagnitse eo ifagnahy, vaho
tamy fahisaha reo bakamy Nagnahare, ro nindaisane ahy ta Jerosalema agne, tamity filira agnate ty vavahady
avatatse bevata. 4Vaho Ingo, ty hasy iaze Zagnaharey Israely le tao, amity fahisaha ze hisako tamity tane maleme
eo.5Vaho hoe re tamiko tihoe: "Nareo anagn'ondaty, asondroto miagnavaratse ty masonao."Ka le nasondroko
miagnavaratse ty masoko, vaho tavaratse eo ty vavahady mbamity alitara mbeo, tamity filira, iaze aoly ty
hasaroteney. 6Ka hoe re tamiko tihoe: "Nareo anagn'ondaty, mahisake ze anoe gniereo vao riha? Reo le vetaveta
bevata ze anoe ty longo Israely eto hampiala lavitse ahy amity fitobohako masy eo. Fa hitolike riha vaho hahisake
vetaveta bevata kea aza."7Bakeo le nindesene tandala ty tane malalakeo raho, vaho nagnete, le nisy lavake raike
tamity rindry. 8Hoe re tamiko tihoe : "Nareo anagn'ondaty, lavao rindry io." Kea nandavake irindry raho, le nisy
lala.9Vaho hoe re tamiko tihoe: "Mandehana vaho henteo ty zaka ratiraty mampangory anoe gniereo."10Ka nilitse
raho vaho nagnete, vaho Ingo! Nisy karazan jaka milaly naho biby raty! Ty aoly ty foko Israely iaby le sinokitse
tamity rindry feno ty tane iaby. 11Nisy roandria ndahy gn'Israely fitompolo tao, vaho Jazania anake lahy Safana le
nintsanga tagnivoa gniereo eo. Nitsanga tagnoloa saren jaka sokire reo eo iereo, vaho ty lahilahy kiraidraike le
sambe ninday ty findaisa afone tatagnane egne avy hagnakatse ty fofon tsetsoke ty linten ketae.12Hoe re tamiko:
"Nareo anagn'ondaty, hisanao vao ty anoe roandria ty longo Israely amity ieke ao? Ty kiraidraike le sambe manao
izay amity efetse miviny ao ty aoline, fa hoe iereo tihoe: 'Tsy mahisake antika Yaveh! Fa nafoe gn'Yaveh ty tane.'"
13Vaho hoe re tamiko: "Mitoliha ndraike vaho henteo zaka raty bevata hafa anoe gniereo reo.""14Bakeo nindesene
nimbamity vavahady filira an tragno gn'Yaveh ao ze tamity ilane avaratse raho, vaho Ingo! Nitoboke nandala ani
Tamoza tao ampela reo. 15Ka hoe reke tamiko: "Hisanao vao zao, nareo anagn'ondaty? Mitoliha ndraike vaho
henteo zisikamy vetaveta bevata reo naho reo aza.16Nindesene tamity tane malalake agnatene tan-tragno Yaveh
ao raho, vaho Ingo! tamity filira tamity tempoly Yaveh tagnivoa ty lavaranga eo naho ty alitara, le nisy lahilahy
tamity dime amby ropolo teo ho eo nagnomey lambosy ty tempoly Yaveh vaho niantignana ty tarehe gniereo,
vaho nanompo ty masoandro iereo.17Hoe re tamiko tihoe: "Hisagnao vao zao, nareo anagn'ondaty? Feie vao zaka
kele ho ahy ty longo Joda ty fanova zaka ratiraty ze anoe gniereo eto reo? Fa fa fineno gniereo hereloha ty tane
vaho mboe nivio soa hila ahy amity siako ndraike iereo, tamity fampipoha raven ketae amity oro gniereo eo.
18Kea hiasa amy gniereo eo avao kea raho; tsy hana feregnay ty masoko, vaho tsy hitsetse iereo raho. Ndra le
mitagny amity feo mafe antsofiko eo aza iereo, le tsy hinjajy iereo raho."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 9

1Vaho nitagny tantsofiko eo tamity feo mafe re, nanao tihoe: "Ao hiboake antana ao mpiambe reo, miarake amity
fiasa mpialia fandrobaha antagnane egne iaby."2Vaho ingo! Nisy lahilahy ene niavy bakamity lala ty vavahady
ambone agne mitolike miagnavaratse, sambe niarake tamity fiasam pialia famonoa tan tagnane egne iaby. Nisy
lahilahy raike nisiky lombone foty niarake tamina fiasa ty mpanora dily tagnilane eo tagnivoa gniereo eo. Kale
nilitse iereo vaho nintsanga tagnila ty alitara varahy eo.3Vaho ty hasy Nagnahare Israely niboake bakao amity
kerobima ze tan davan tragno ty tragno eo. Nikaike ilahilahy nisiky sarondoha foty ze nana ty fiasa ty mpanora
dily tagnilane tegne re. 4Hoe Yaveh tamine tihoe: "Mandehana agnivoa ty tana eo-agnivoa Jerosalema-vaho asio
hahaia aze ty amity handry gnireo ze mitoreo naho misefosefo ty amy vetaveta iaby reo nanoe tagnivoa ty tana
eo."5Vaho nivola tamy hafa reo tantsofiko eo re tihoe: "Mandehana magnorike aze antana ao vaho vono. Ao tsy
hana feregnay ty masonao, vaho ko miferegnay 6ndra ndaty antetse, tanora, mboe tsy mahavany lahy, kolo
madineke na ampela. Vono iaby iereo! Atombo amity fitobohako masy ao!" Kale nanomboke tamy roandria reo
ze tagnoloa ty tragno iereo eo.7Hoe re tamy gniereo tihoe: "Loto tragno, vaho feno fate ty antane malala gnizay.
Miboaha!"Ka niboake iereo vaho nanafike ty tana. 8Laha mboe nanafike izay iereo, le hisako fa raike avao raho
vaho nagnohoke ty tareheko raho vaho nitoreo nanao tihoe: "Henhe, gea Tompo Yaveh, handrava sisa tavela
Israely iaby reo amity fandraraha ty siakenao amy Jerosalema vao riha?"Hoe re tamiko tihoe: "Tafahoatse vatane
ty hadisoa ty foko Israely naho Joda. Feno lio ty tane vaho feno zaka ratiraty ty tana, satria hoe iereo tihoe: 'Fa
nagnaligno ty tane ty Yaveh, vaho tsy mahisake ty Yaveh!' 10Kea naho izay, tsy hagnete aman peregnay ty masoko,
vaho tsy hitsitsy iereo raho. Fa hinday ze iaby zay ho an Doha gniereo kea raho." 11Ingo! Nihere ilahilahy
nilomboke foty nana ty fiasa ty mpanora dily tagnilane egne. Ninday izay vaho nivola tihoe: "Fa nanoeko ze iaby
nandilianao ahy."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Laha nagnete nimbamity eloelo ze tan doha ty Kerobima eo raho; le nisy zaka niseho tambone gniereo eo
manahake ty safira mana pozy ntseza fiankina. [2]Bakeo Yaveh nivola tamy ilahilahy nisiky lomboke foty vaho
nanao tihoe: "Mandehana agnivoa sarete reo ambane reo kerobima reo, le feno amy vae n'afo mirehetse bakeo
agnivoa Kerobima ty tagnanao vaho aparitaho amity tana eo reo. Le nandeha ilahilahy laha nagnete raho.[3]Le
nitsanga tankavana itragnoy eo ty kerobima lahafa nilitse ilahilahy, vaho nisy raho feno ty tagnate tane malalake
ao. [4]Nisondrotse bakeo amy ikerobima eo ty hasy gn'Yaveh vaho nitsanga tandava tragno itragnoy eo. Nameno ty
tragno tamity raho zay, vaho le feno ty famirapira ty hasy Yaveh ty tane malalake. [5]Ty feo ty Hela gny kerobima
reo le re zisik'ambaly ty tane malalake, manahake ty feo Nagnahare Tsitoha iaby mivola re.[6]Vaho lahafa nandily
ilahilahy nisiky lombone foty ty Zagnahare vaho nanao tihoe: "Mangala afo bakeo agnivoa sarete reo le ze amity
Kerobima ao, "le nilitse ilahilahy vaho nitsanga tagnila sarete raikey eo. [7]Nisy kerobima raike nananga ty tagnane
tagnivoa ty Kerobima eo ho amity afo ze tamity kerobima eo, vaho nanondrotse naho nampipoke izay tan tagna
inisiky lombone foty. Rinambe ilahilahy zay vaho nandeha niboake re. [8]Nahisake zaka manahake ty tagna
gnondaty tambane ela gnireo ao raho tamity kerobima.[9]Kea nagnete raho, vaho henhe! Sarete efatse ro tagnila
gny kerobimay eo-sarete raike tagnila ty isan kerobima eo-vaho ty pozy sarete reo le manahake ty vato Berila.
[10]Ty pozy gniereo le mitovy pozy amity efatse iaby amy gniereo. [11]Lahafa niala iereo, le nilitse tamy lala efatse
tsisy fiodaha amy lalan kafa reo. Fa kea, ndre taia ndre taia niatreha ty loha, le norihy gniereo zay. Le tsy nihere
tamity lalankafa amy ze nombane sasy iereo.[12]Ty tsara gniereo iaby-nama izay ty lambosine, tagnane reo, vaho
elane reo-le Feno maso, vaho maso avao kea ro nandrakoke ty sarete efatse iaby. [13]Laha ninjajy raho, le nisy tsara
tihoe: "mililia " sarete reo. [14]Nana tarehe efatse iaby iereo; ty tarehe voalohane le tarehen kerobima, ty tarehe
faharoe le tarehen dahilahy, ty tarehe fahatelo le liona, vaho ty tarehe fahefatse le tarehen boro mahere.[15]Bakeo
niala iKerobimay- le iaze zaka managnay ze hisako tantsisy ty rano Kebara eo [16]Isake ty nihetseke ikerobimay, le
nandeha tagnilane kea ty Kodia, vaho isake ty nanondrotse ty elane soa hiala amity tane ikerobimay, le tsy nivio
sarete reo. Mboe nijano tagnilane eo reo. [17]Lahafa nijano ikerobimay, le nijano kea sarete reo, vaho lahafa niala
reo, le niala niarake tamy zay kea sarete reo, satria tamy sarete reo ty fagnahy izaka managnay.[18]Vaho niala
tamity lavatragno ty tragno ty hasy gn'Yaveh ka nijano tamy reo Kerobima eo. [19]Namelatse ty elane ty kerobima
vaho niala tamity tane tamasoko eo lahafa niboake iereo, vaho nanao mitovy izay tagnila gniereo eo ty Kodia.
Nijano tamity filira antignana mbamity tragno gn'Yaveh ao iereo, vaho ty hasy Nagnahare gn'Israely le niavy
tamy gniereo eo baka ambone egne.[20]Reo ro zaka managnay ze fa hisako tambane iZagnahare Israely tamy lakan-
drano Kebara reo, ka haiko fa kerobima reo! [21]Nana tarehe efatse iaby naho elatse efatse iaby iereo, vaho tarehe
tagna gnondaty ambane ela gniereo eo, [22]vaho ty pozy ty tarehene le manahake ty tarehe ze fa hisako tagnate
fahisaha tamity lakan-drano Kebara ao, vaho nandeha nahity ty kiraidraike bakamy iereo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 11

[1]Le nampakatse ahy ty Fagnahy kale ninday ahy tamity vavahady antignana ty tragno Yaveh, ze miantignana, kea
Ingo, nisy lahilahy dime amby ropolo tamity lala mba amy vavahady mbeo. Hisako tamy gniereo ty Jazania anake
lahy Azora naho Pelatia anake lahy ndre Benaia, Mpiday ty vahoake.[2]Hoe Zagnahare tamiko tihoe: "Nareo
anagn'ondaty, ondaty ze nitete draty reo, naho nanampakevetse hitete draty tamity tana toy. [3]Hoe iereo tihoe: 'Tsy
andro ty fagnoregna tragno zao; ty tana toy ro velagne, vaho itika ro hena. [4]Naho izay le mitokia handietse iereo.
Mitokia, nareo anagn'ondaty."[5]Le nizotso tamiko ty Fagnahy Yaveh vaho hoe re tamiko: "volagno tihoe: Ezao ro
tsara gn'Yaveh: amity fa vinolagnareo, nareo foko Israely; fa haiko ty antsae nareo ao. [6]Fa nampitombo ty ndaty
ze vinonognareo tamity tana toy nareo vaho nameno ty lalambey tamy zay. [7]Naho izay, le izao ro tsarae ty Tompo
Yaveh: Ty ndaty ze vinonognareo, ze namparenareo tagnivoa Jerosalema eo ty fatene, ro hena, vaho ty tana toy
ro velagne. Kanefa nareo le indese miala agnivoa gny tana toy eto.[8]Natahotse ty mesobey nareo-kea ninday ty
mesobey ho aminareo eo raho-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh. [9]Hinday anareo hiala agnivoa ty tana toy eo raho,
vaho hampitoboke anareo ho atana reo firene hafa eo, satria hinday fitsara handietse anareo raho. [10]Ho tonta
ndre mesobey nareo. Ho tsaraeko amity faretane Israely nareo ka ho hainareo fa iraho ro Yaveh.[11]Ty tana toy le
tsy ho velagne fiketreha, ndra ho hena agnate gnizay ao nareo. Hitsara anareo amy faretane Israely reo ao raho.
[12]Le ho hainareo fa iraho ro Yaveh, iaze raike ze tsy norihegnareo lily reo vaho tsy nanoenareo liline reo. Fa kea,
ty lily firene reo ze feno anareo ro nanoenareo.[13]Vaho laha nitoky raho, le mate ty Pelatia anake lahy ndre Benaia.
Kea nidaraboke nihohoke raho ka nikorake tamity feo mafe vaho nanao tihoe: "Feie vao gea, Tompoko Yaveh, feie
vao laha handripake vatane ty sisa amy Israely riha?[14]Niavy tamiko ty tsara Yaveh, nanao tihoe : [15]"Nareo
anagn'ondaty, rahalahinao reo! Rahalahinao reo! Lahilahy ty fokonao reo naho ty foko Israely iaby! Iereo iaby ro
nivola reo nitoboke ta Jerosalema agne tihoe: 'Lavitse ani Yaveh iereo! Ty tane toy le namea anay ho
hanagnanay.'[16]Naho izay volagno tihoe: Ezao ro tsarae ty Tompo Yaveh: Ndra le fa nagnafake iereo lavitse firene
reo aza raho, vaho ndra le nagnele iereo tamity tane eo aza raho, nefa le fitoboha masy hoe iereo zisike ty andro
tsy ampe ampe tamity tane ze nandehana gniereo raho. [17]Naho izay volagno tihoe: Ezao ro tsarae ty Tompo
Yaveh: Hahereko bakamy vahoake reo nareo, vaho havoriko bakamy tane reo ze nieleza gnareo nareo, ka
hameako anareo ty tane Israely.'[18]Le handeha agne iereo ka hagnafake ty zaka mampangory iaby naho ty
vetaveta iaby amy ze pilasy zay.[19]Hagnomey iereo fo raike raho, vaho hampitoboke fagnahy mbao amy gniereo
eo. Hafahako amity nofo gniereo ao ty fo vato ka hameako fo naho iereo, [20]soa hagnoriha gniereo ty liliko, hanova
gniereo ty liliko naho hanova gniereo izay. Le ho vahoako iereo, vaho ho Zaganhare gniereo raho. [21]Nefa ho ahy
reo ze mandeha ampiteava mbamy reo zaka mampangory naho vetaveta reo le hindeseko andoha gniereo eo
avao ty fombane-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh."[22]Nanondrotse ty elane naho kodiarane ze tagnila gniereo eo ty
Kerobima reo, vaho tambone gnireo hasy I Zagnaharey Isarely. [23]Le niboake bakao agnivoa ty tana naho nitsanga
tam bohy tantignana ty tana ty hasy Yaveh.[24]Nanondrotse ahy ty Fagnahy ka ninday ahy ta Kaldea agne, tamy reo
sesetane reo, tamity fahisaha bakamity Zagnahare, naho ty fahisaha ze hisako niboake baka amiko eo. [25]Le
nitalily tamo sesentane reo ty zaka Nagnahere iaby ze hisako raho.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 12

[1]Niavy tamiko ty tsara Yaveh, nanao tihoe: [2]"Nareo anagn'ondaty, iriha le mitoboke agnivoa ty foko mpivory eo, ze
mana maso hagnetea ha tsy magnete; vaho mana sofy hinjajigna fa tsy minjajy, satria foko mpitoko iereo.[3]Naho
izay laha ty aminao, nareo anagn'ondaty, le omano entanao reo ho amity sesentane, vaho manomboha miboake
amaso gniereo amity andro mazava, fa Iraho le hagnadevo anao amaso gniereo eo bakao amity pilasy mbamity
pilasy hafa agne. Vasa mete hanomboke hahisake iereo, ndra le foko mpivory aza.[4]Hindeseko amaso gniereo
amity andro mazava entanao reo ho amity sesentane, miboaha amaso gniereo eo amity hariva amity fandeha ty
ndaty ho amity sesetane agne. [5]Mandavaha lavake amity rindry amaso gniereo eo, vaho mandehana amy gnizay
eo. [6]Amaso gniereo eo, ongaho antsorognao eo ty entanao, vaho indeso amity ieke reo. Takofo ty tarehenao, fa tsy
tokone hahisake itaney riha, satria natoboko ho famantara ho ahy ty foko Israely riha."[7]Kea le nanoeko zay,
manahake ty nandilia ahy. Nindeseko niboake tamity andro mazava entako reo ho amity sesentane, vaho ty
hariva le nandavake lavake tamity rindry eo tamity tana raho. Nindeseko tamity ieke entako reo, vaho nakareko
tan tsoroko egne tamaso gniereo eo zay.[8]Bakeo niavy tamiko ty tsara Yaveh ty maraindray, nanao tihoe : [9]"Nareo
anagn'ondaty, feie vao ty foko Israely, ze foko mpivory zay, tsy nagnotane tihoe: Ino ty anoenao? [10]Volagno iereo
tihoe: Ezao ro atalily ty Tompo Yaveh: ty asa fitokia toy le mikasike ty roandria Jerosalema, naho ty foko Israely
iaby ze agnivoa gniereo eo.'[11]Volagno tihoe: 'Famantara ho anareo raho. Manahake ze fa nanoeko ro hatao amy
gniereo; ho antsesetane agne naho fagnadevoa iereo. [12]Ty roandriandahy ze amy gniereo eo le hagnakatse entane
reo antsorone egne amity ieke, vaho handeha amity lakoro eo. Handavake amity rindry eo iereo vaho hinday ty
enta gniereo hiboake. Hanako ty tarehene re, ka tsy hahisake iaze tane amity masone. [13]Haparitako amity
fandriko vaho ho tratse amity fandriko eo re; bakeo le hindeseko a Babylona agne, iaze tane Kaldeana reo oy re,
fa tsy hahisake izay. Ho mate agne re.[14]Haparitako amity lala avao kea reo iaby feno aze le ze magnoloa aze naho
ty miaramilane iaby, vaho handefa mesobey hagnidy iereo raho. [15]Bakeo ho hae iereo fa iraho ro Yaveh, lahafa
haparitako amy firene reo eo iereo vaho haeleko feno tane reo. [16]Fa hitsetse ndaty tsy ampe ampe amy gniereo eo
raho amity mesobey, kere, naho arete mandany, soa hagnajary ty vetaveta gniereeo iaby amy tane reo ze
hangalako iereo reo, ka ho hae gniereo fa iraho ro Yaveh.""[19]Bakeo volagno amy vahoa ty tane reo tihoe: 'Ty
Tompo Yaveh le mivola izao mikasike any ndaty Jerosalema reo, naho ty tane Israely: Hihina ty mofone
ampangitikitiha iereo vaho hino ty rano gniereo ampangovira, satria ho rava amity hafenone ty tane naho ty
hereloha reo ndaty iaby ao. [20]Kea ho rava tana reo ze tsy nisy ndaty, vaho ho maike itaney, le ho hainareo fa Iraho
ro Yaveh.""[21]Niavy tamiko ndraike ty tsara gn'Yaveh nanao tihoe: [22]"Nareo anagn'ondaty, ino ty ohatse ze
anagnanareo amity tane Israely toy manao tihoe: 'Mihalava ty andro, vaho tsy manjare ty fahisaha iaby? [23]Naho
izay, volagno iereo tihoe: Ty Tompo Yaveh le mivola izao: Ho faragneko ty ohatse toy, vaho tsy hampiasa izay sasy
ty vahoa Israely. Volagno iereo tihoe: 'Marikitse ty andro lahafa ho hisy ty fahisaha iaby.[24]Fa tsy hisy fahisaha
ndiso sasy na sikily soa amity foko Israely ao. [25]Fa iraho ro Yaveh! Mivola raho, vaho manao tsara reo ze vinolako.
Tsy ho tara sasy ze vinolako. Fa hivola ze tsara zay raho amity andronareo, nareo foko mpivory, vaho hanao izay!
-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh.""[26]Niavy tamiko ndraike ty tsara Yaveh, nanao tihoe: [27]"Nareo anagn'ondaty!
Ingo, ty foko Israely le nivola tihoe: 'Ty fahisaha ze hisane le ho amity andro maro manomboke amizao, vaho
mitoky ty amity andro mboe lavitse re.' [28]Naho izay le volagno iereo tihoe: 'Ty Tompo Yaveh le mivola izao:
Tsarako reo le tsy ho tara sasy, fa ty tsara ze vinolako le ho anoe-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh.""


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 13

[1]Avy amiko ndraike ty tsara gn'Yaveh, nanao tihoe: [2]"'Nareo anagn'ondaty, mitokia mandietse mpitoky reo ze
mitoky a Israely agne, ka volagno amy reo ze mitoky amity dine gniereo avao tihoe: 'Njigno ty tsara Yaveh. [3]Ezao
ro tsarae ty Tompo Yaveh: Loza ho ahy mpitoky gege reo ze magnorike ty fagnahy avao, feie tsy nahisake ndra ino
ndra ino! [4]Nareo Israely, mpitokinao reo le fa manahake ty amboaly amity tane maike egne.Tsy nandeha
namoteke ty rindry feno ty foko Israely riha soa hagnamboara izay, mba hiaretse amity aly amity andro Yaveh.
[6]Mana fahisaha diso ty vahoake vaho manao fitokia mbade, reo ze mivola tihoe: "Ezao naho izao ro fitalilia
gn'Yaveh." Tsy nagnirake iereo ty Yaveh, nefa ndra le izay aza iereo le nampagnategna ty vahoake fa ho vita hafa
gniereo reo. [7]Feie vao tsy mba nana fahisaha diso riha vaho nanao fitokia ndiso, iriha iaze mivola tihoekey: "Ezao
naho izao ro fitalilia gn'Yaveh nefa Iraho vatako vaho tsy nivola?[8]Naho izay le izao ro tsarae ty Tompo Yaveh:
'Satria nareo fa nana fahisaha diso naho nivola mbande-naho izay le izao ro fitalilia ty Tompo Yaveh mandietse
anareo: [9]Hamango mpitoky reo ze mana fahisaha mbade naho ze manao fitokia vande ty tagnako. Tsy ho amity
fiangona ao ty vahoako, ndra ho sorate agnara amity fiharoa ty foko Israely ao iereo, tsy handeha amity tane
Israely iereo regne. Fa ho hainareo fa Iraho ro Tompo Yaveh![10]Naho izay, vaho satria iereo nitarike ty vahoako
tamity lalan diso ka nivola tihoe: "Fiadagna!"nefa dreko tsy nisy fiadagna, le magnore rindry ze ho lalore gniereo
amity loko foty iereo.'[11]Volagno amy reo ze nandalotse ty rindry tihoe: 'Hitonta zay; hisy latsa kora, vaho handefa
havandra raho soa hanonta izay, vaho talio soa handrobake izay. [12]Ingo, hitonta ty rindry. Feie vao tsy nivola
taminareo ty hafa tihoe: "Aia ty lalotse foty ze nanoenareo tamity toy?"'"[13]Naho izay le zao ro tsarae ty Tompo
Yaveh; Hinday talio amity siako raho, vaho hisy sikilone amity heloko! Ty havandra ro hamoteke izay amity
siako. [14]Fa hamotepoteke ty rindry ze sinarognareo tamity lalotse foty raho,vaho handrobake izay amity tane
naho hampibarebare ty fagnambanene. Ka le hitonta zay, vaho inareo iaby ho lany agnivoa gnizay eo. Vaho le ho
hainareo fa Iraho ro Yaveh.[15]Fa iraho handany ty rindry amity siako naho reo iaby nandalotse izay. Hivola
aminareo raho tihoe: '"Tsy misy sasy ty rindry, ndra ty ndaty nandalotse izay-[16]mpitoky Israely reo ze nitoky
mikasike Jerosalema naho nana fahisaha fiadagna ho aze. Kanefa tsy misy fiadagna!-izay ro fitalilia ty Tompo
Yaveh.[17]Kea iriha, nareo anagn'ondaty, ampagnatreho ty anak'ampela ty vahoanao ze mitoky amity eretrere
gniereo avao ty tarehegnao, ka mitokia mandietse iereo. [18]Volagno tihoe: 'Izao ro tsarae ty Tompo Yaveh: Loza ho
ahy ampela reo ze manjaitse aoly mahasoa vinta amity faretse ty tagnane iaby vaho manao sarondoha amity
habevata sambe hafa ho amity loha gniereo, ilae hamandriha ndaty. Hamandrike ty ndatiko vao nareo soa
hagnavota ty ainareo?[19]Fa nandratiraty ahy tamity vahoako tamity vare hordea tagna raike naho potepote mofo
nareo, soa hamonoa ndaty ze tsy tokone ho mate, vaho hitanjake ty ay reo ze tsy tokone hanohy hiay sasy, naho
vandegnareo reo tamity ndatiko ze naharey anareo.[20]Naho izay le izao ro tsarae ty Tompo Yaveh: Iraho le
mandietse aoly raty vinta ze nanpiasae nareo hamandriha ty fiay gnodaty reo manahake ty voro regne iereo.
Hamotepoteke regne baka antagna nareo eo raho; vaho ty ndaty ze finandrignareo manahake ty voro-hagnega
iereo handeha malalake raho. [21]Hagnafake sarondohagnareo reo raho ka hamonje ty vahoako antagna nareo eo.
Ho hainareo fa Iraho ro Yaveh.[22]Satria nareo magnakivy ty fo ty ndaty mare amity vande, ndra le tsy nagniry ty
hakiviane aza raho, vaho satria nagnahere Fihetse ty ndaty raty fagnahy nareo ho setre gnizay soa tsy hiviognane
amity fombane hagnavotane ty aine-[23]naho izay le hana fahisaha diso nareo na hanohy hanao fitokia diso nareo,
na hanohy hanao fitokia sandoke sasy, satria hamonje ndaty reo hiboake an-tagnanareo eo raho. Ho hainareo fa
iraho ro Yaveh.'"

## Chapter 14

[1]Nagnato ahy ty ilane tamy roandria Israely reo vaho nitoboke tagnoloako eo. [2]Vaho niavy amiko ty tsara Yaveh,
nanao tihoe: [3]"Nareo anagnodaty, lahilahy reo le nandrambe ampiane aoly gniereo reo vaho nampipoke vato
fandavoa ty helo gniereo tagnoloa ty tarehe gniereo eo. Tokone agnotanea gniereo amiko vao ze iaby zay?[4]Naho
izay le atalilio amy gniereo zay vaho volagno amy gniereo tihoe: 'Izao ro atalily ty Tompo Yaveh: Ty ndaty iaby
amity foko Israely ao ze mangalake am pone ty aoline, ndra mampipoke vato fanonta ty helone agnoloa ty
tarehene eo, vaho bakeo magnato mpitoky-iraho, Yaveh, le hamale aze amity isa ty aoline. [5]Hanoeko zay soa
hagneregnako ty foko Israely ampo gniereo ao ze nafaha lavitse tamiko eo tamity aoly gniereo.'[6]Naho izay atalilio
amity foko Israely tihoe: 'Izao ro atalily ty Tompo Yaveh: Miheregna vaho miala amity aolinareo! Ameo lambosy
ty zaka ratiraty nareo iaby.[7]Ho ahy ty ndaty iaby bakamity foko Israely naho ty vahiny mijano a Israely ao ze
mivalike amiko, ze mandrambe an pone aoline reo ka mampipoke vato fandona ty helone agnoloa ty tarehene eo,
vaho magnato mpitoky bakeo soa hila ahy-iraho, Yaveh, mihintsy ro hamale aze. [8]Kea hampiambe ze ndaty zay ty
tareheko vaho hanao aze ho famantara naho ohatse, satria ho lanieko tsy ho amity vahoako eo re, vaho ho
hainareo fa Iraho ro Yaveh.[9]Laha misy mpitoky voafitake vaho mivola hafatse, le iraho, Yaveh, ro hamitake ze
mpitoky zay; hanondrotse ty tagnako amine raho vaho hamoteke aze amy Israely vahoako eo. [10]Hizaka ty helone
avao iereo; ty helo ty mpitoky le hitovy amity helo ze magnotane aze. [11]Naho izay, le tsy hisintake amity fagnoriha
ahy sasy ty foko Israely na handoto ty vata gniereo amy fandikan dily iaby reo sasy. Ho vahoako iereo, vaho ho
Zagnahare iereo raho-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh."[12]Le avy tamiko ty tsara Yaveh, nanao tihoe: [13]"Nareo
anagn'ondaty, laha mandiso amiko ty tane raike amity fanova ze mahadiso le hagnojonako ty tagnako amy zay eo
raho vaho hanampake ty fitogno ty mofone, vaho handefa kere amy gnizay eo naho handany ty ndaty naho ty
biby amy tane; [14]vaho ndra lahilahy telo retoa aza-Noa, Daniela, naho Joba-ro agnivoa itaney eo, le tsy hae ty
hagnavotse afa tsy ty aine avao iereo amity fahitia gniereo-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh.[15]Laha mandefa bibily
masiake feno itaney raho ka mandany izay soa hizare tane maike zay tsy hae itsaha ty ndaty naho biby reo, [16]le
ndra amy izay ao aza lahilahy telo reo-laha mboe velo raho, hoe ty Tompo Yaveh-le tsy ho hae ty hagnavotse iereo
ndra le anane lahy reo naho anak'ampelane reo aza; ty ay gniereo avao ro ho avotse, fa itaney le hizare tane
maike.[17]Ndre laha minday mesobey amy gnize tane zay raho ka mivola tihoe: 'Nao mesobey, mandehana feno
itaney vaho lanio hiala amy gnizay ty ndaty naho ty bibily, [18]le ndra le agnivoa itaney eo aza lahilahy telo reo-laha
mboe velo raho, hoe ty Tompo Yaveh-le tsy ho afake ty hagnavotse iereo ndra le anane lahy naho anak'ampelane
reo aza; ty ay gniereo avao ro ho avotse.[19]Ndra laha mandefa arete mandany amo taneo eo aza raho vaho
mandrarake ty siako amy gnizay eo amity fampipoha dio, soa handania ty ndaty naho ty bibily, [20]le ndra le amy ze
tane zay aza ty Noa, Daniela, vaho Joba-le tsy ho hagnavotse iereo ndra le reo anake lahine naho anak'ampelane
reo aza; ty ay gniereo avao ro havota naho ty fahitia gniereo.[21]Fa izao ro atalily ty Tompo Yaveh: mete fa hanoeko
maharetse ty teo jaka amity alala ty fandefasko ty fagnafaiza efatse-kere, mesobey, bibily, vaho arete mandany-
Amy Jerosalema soa handania ty ndaty naho ty bibily amine eo.[22]Kanefa, ingo! Hisy ho sisa amine ao, sisa velo
reo ze hiboake miarake amy anake lahy reo naho anak'ampela reo. Ingo! Hiboake ho aminao agne iereo, vaho
hahisake reo fomba naho fihetse gniereo riha ka hiono mikasike ty fagnafaiza ze fa nalefako ta Jerosalema agne,
naho mikasike reo zaka hafa iaby ze nalefako tamy itaney eo. [23]Sisa tavela velo reo le hampiono anareo lahafa
hisagnareo fomba reo naho fihetse gniereo, kea le ho hainareo reo zaka iaby fa vitako tamine reo, fa tsy nanoeko
zaka avao reo!reo-izay ro fitalilia gny Tompo Yaveh."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 15

[1]Le avy tamiko ty tsara Yaveh, nanao hoe zao: [2]"Nareo anagn'ondaty, ino ty mahasoa ty tahom boaloboke bevata
kea naho ty hetae iaby misy ravene ze amy hetae gnala reo ao? [3]Feie vao ty ndaty mangalake hetae bakamity
tahon boaloboke soa hanova zaka? Ingo! Laha atorake agnate afo ketae ao zay, vaho nagnoro ty sisine roe naho
agnivoane ao ty afo, feie vao mboe soa hanovan jaka vao zay?[5]Ingo! Lahafa vita zay, le tsy afake hagnova ndra ino
ndra ino; azo antoke bakeo fa, lahafa nirehetse iafoy, le tsy mboe hae anova ndra ino ndra ino zay. [6]Naho izay ty
Tompo Yaveh le mivola izao: Tsy manahake hetae agnala agne reo, fa nagnomey ty tahom boaloboke ho hetae ho
ahy ty afo raho; hanao manahake izay kea raho amy ndaty Jerosalema reo.[7]Fa handietse iereo ty tareheko. Ndra
le miboake bakao amity afo aza iereo, le handrava iereo ty afo, le ho hay iareo fa Iraho ro Yaveh, lahafa nandietse
iereo ty tareheko. [8]Bakeo hanoeko amity tane tsisy zaka agne itane ey satria nandiso iereo-izay ro fitalilia
gn'Yaveh."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 16

[1]Le niavy tamiko ty tsara Yaveh, manao tihoe: [2]"Nareo anagn'ondaty, ampahaio mikasike zaka raty I Jerosalema
reo, [3]vaho atalilio tihoe: 'Ia ro tsarae ty Tompo Yaveh amy Jerosalema: Ty fanombohanao naho ty niterahanao le
tamity tane Kanana ao; Amorita ty roanao, vaho Hetite ty renenao.[4]Amity andro ty hanteranao, le tsy nanampake
ty taly mpoegnao, na nanagnaligno snap tamity rano na nanasa anao tamity ranon tsira, na nandrakoke lamba
feno anao ty renenao. [5]Tsy nisy maso niferegnay anao ka hanao zaka reo aminao, soa hiregnay anao. Tamity
andro niterahanao, niarake tamity falaigna ho ahy ty fiagnanao, le tsy natorake tamity baibo malalake eo riha.
[6]Kanefa nandrio taminao eo raho, vaho nahisake anao nihinsenkise tamity rano; la tihoe raho taminao tamity
lionao tihoe: "Miaigna!" hoe raho taminao tamity lionao tihoe: "Miaigna!" [7]Nampitomboeko manahake ty vole
amity baibo egne riha. Niha maro riha vaho niha bevata, ka nizare rivake ty ravake. Nagniry nono riha, vaho
niha nateve ty volognao, ndra le niborida naho tsy nisiky aza riha.[8]Nandrio aminao eo indraike raho, vaho hisako
riha. Ingo! avy aminao ty andro ty fiteava, ka namelatse ty sikiko taminao eo raho vaho nanaro ty fiboridanao.
Bakeo le nifanta taminao raho vaho ninday anao tamity fagnekea-izay ro fitalilia gny Tompo Yaveh-kea nanjare
ahy riha.[9]Kea nanasa anao tamity rano naho ty lio taminao raho, vaho nagnosotse diloilo anao. [10]Nampisiky tamy
reo siky misy petakofehe riha naho nasiako kapa holitse ty tombonao. Rinakoko tamity lombone foty madineke
Riha vaho sinaroko tamity lamba landy. [11]Bakeo le rinavako tamity ravake riha, vaho nasiako pozy ntagna ty
tagnanao, vaho rojo feno ty vozognao. [12]Nasiako kavy gnoro ty vavorognao vaho Kavin tsofy ty sofinao, vaho
satron kasy soa vatane tambone lohanao eo.[13]Kea rinavake tamity volamena naho volafoty riha, vaho nisiky
rongony foty madineke, lamba landy, vaho siky misy petakofehe; nihina koba manify riha, tantele, vaho diloilo,
ka vatane soa tarehe vatane riha, vaho nanjare mpajaka vave. [14]Niele tamy firene reo naho ty hasoanao ty
lazanao, satria vatane mare tamity fiambena nameako anao riha-izay ro fitalilia gn'Yaveh.[15]Fa natoky ty hasoanao
riha, ka nanao manahake ty mpivarotegna naho ty lazagnao, nagnisy ty fivarotan tegna nao tamy ze nandrio
riha, ka niazone vatane ty hasoanao. [16]Bakeo le nangalake sikinao reo riha vaho nanao pilasy abo hinamy
karazan doko tamy reo ho anao, vaho tao riha ro nanao ty fivarotan tegna nao. Tsy tokone niseho zay. Ndra le hoe
tokone tsy nisy ty zaka manahake izay.[17]Nalaenao rojo manify vita tamity volamena naho volafoty reo ze
nameako anao, vaho nanao saren dahilahy ho anao riha, ka nanao manahake ze atao ty mpivarotegna tamy reo.
[18]Nalaenao siky misy peta kofehe reo vaho sinarognao reo, vaho natobonao taloha diloilo reo eo naho zaka
magniko reo. [19]Ty mofo ze nameako anao -vita tamity koba manify, diloilo, vaho tantele-le natoboko taloha eo reo
soa hagnitse eke, fa izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh.[20]Bakeo le nalaenao anagnao lahy reo naho anagnao vave reo
ze nateragnao ho ahy, vaho nanoenao soro ho ahy reo sare iereo soa ho harapake manahake ty hane. Feie vao
porobolemo kele reo sata fivarota tegna reo? [21]Vinononao anako reo vaho nataonao tagnate afo ao. [22]Tsy
nandineke mikasike andro ty hakoloa riha tamy zaka ratinao reo naho sata fivarotan tegna reo, tamy imboe
niboriday naho tsy nisiky vaho mboe nihosotse tamity lionao.[23]Loza! Loza ho anao! -izay ro fitalilia ty Tompo
Yaveh-naho izay, fagnampe haraty fagnahy iaby reo, [24]le nagnore efetragno abo ho anao feno ty tane iaby riha.
[25]Nagnore ty pilasy abonao tamity loha ty lala iaby riha vaho nandratiraty ty hasoanao, fa nagnomey ty vatanao
ahy ze iaby nandrio eo riha vaho nampitombo sata fivarotan tegna maro. [26]Nanao manahake ty mpivarotegna
niarake tamy Egyptiana reo, mpiharo tana be fila reo, vaho nanao sata fivarota tegna maro, nahameloke ahy
riha.[27]Ingo! hamango anao amity tagnako raho vaho hampijano ty hanenao. Hameako ahy rafenao reo reo, le reo
anak'ampela Filistina, ze magnetse tamity sata mampangory nao ty ainao. [28]Nanao manahake ty mpivarotegna
niarake tamy Asyriana reo riha satria tsy nimete afa po. Nanao manahake ty mpivarotegna riha vaho mboe tsy
nimete afa po avao. [29]Nampitombo sata raty maro tamity tane mpivarota Kaldea reo riha, vaho ndra le izay aza le
tsy nahafapo anao.[30]Manao akore ty farare ty fonao-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh-ro anovagnao zaka iaby reo,
le reo asa gny mpivarotegna tsy megnatse reo? [31]Nagnore pilasy abonao reo tamity loha ty lala iaby riha vaho
nagnore tragno abo feno ty vazantane iaby. Fa kea tsy manahake ty mpivarotegna riha satria handrambe vola.
[32]Iriha ty ampela mpivarotegna, nagneke hafa reo riha laha tokone ho ty valignao avao. [33]Ty ndaty le magnomey
vola mpivarotegna iaby reo, fa iriha kea nagnomey ty karamanao ho ahy ndaty teanao iaby reo naho namitake
iereo soa ho avy aminao bakamity magnodidy iaby ho ahy ty asa fivarotan tegna nao. [34]Kea misy tsy fitoviza
aminao naho ampela hafa reo, satria tsy misy ndaty magnato anao soa hangatake anao hiharo fandre amy
gniereo. Fa kea, mandoa vola amy gniereo riha. Tsy misy ndaty mandoa vola aminao.[35]Naho izay, nareo
mpivarotegna, njigno ty tsara Yaveh. [36]Yaveh Tompo mitsara izao: Satria riha nagnisy ty filanao naho naneho ty
faretse faly nao tamy asa fivarotan tegna niarake tamy ndaty teanao iaby reo vaho niarake tamy aoly ratignao
iaby reo, vaho naho ty lio ty anagnao ze nameanao ahy aolinao reo, [37]naho izay, ingo! hamory ndaty teanao iaby
reo ze niarahanao, ze iaby teanao naho reo iaby halanao, vaho hamory iereo handietse anao amity ilane iaby


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

raho. Haneho ty faretse faly nao amy gniereo raho soa hahisaha gniereo ty fiboridanao iaby.[38]Fa hagnafay anao
amity firioriova naho ty hampipohan dio raho, vaho hinday lio reo ty siako naho ty hasoropiaroko aminao eo.
[39]Hameako antagna gniereo eo riha soa hamangoa gniereo ty efetragno abonao vaho hagnafaha ty sikinao naho
hangala ravagnao iaby reo iereo. Henga gniereo tsy antsiky naho miborida Riha.[40]Bakeo le hinday vahoake
handietse anao naho hitorake anao amity vato raho, la ho potepotehe gniereo amity mesobey gniereo riha.
[41]Hagnoro ty tragnonao iereo vaho hampitombo sazenao reo amaso gnireo ampela maro eo, fa hanampetse ty
fivaronta tegna nao raho, ka tsy handoa vola amy ndaty teanao sasy riha. [42]Bakeo le hampijano ty siako, satria ho
afapo raho, vaho tsy ho meloke sasy.[43]Satria tsy nahatiaro andro ty hatanoranao reo riha vaho nagnozongozo ahy
tamity siake naho reo zaka iaby reo, naho izay, indro! Iraho mihintsy ro hanjotso ty saze naho ze vitagnao amity
lohanao reo-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh. Feie vao tsy nampeanao fivarontategna vao sata mampangory hafa
iaby reo?[44]Ingo! Ze iaby mivola ohatse mikasike anao le hivola tihoe: "Manahake ty renene avao, le manahake
izay kea ty anak'ampelane." [45]Anak'ampela ty renegnao, nalae ty valine naho ty anane riha, vaho rahavave reo
rahavavenao ze nalae valine reo naho reo ana gniereo. Hetita ty renegnao, vaho Amorita ty roaenao.[46]Ty
zokegnao vave le Samaria vaho anak'ampela reo le reo ze mitoboke avaratse agne, laha ohatse ka mitoboke
antimonao ty rahavave faravavenao, le tihoe, Sodoma naho anak'ampelane reo.[47]Iriha le tsy nandeha tamity lala
gniereo naho nangalake manahake ty findaisa bata gniereo naho ty asa gniereo avao, fa raty tamity fombagnao
iaby naho iereo riha. [48]Laha mboe velo kea raho-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh-Sodoma rahavavegnao naho
anak'ampelanao reo, le tsy nanao raty maro manahake anao naho ze vita gniereo anak'ampelanao reo.[49]Ingo!
Izao ro hadisoa Sodoma rahavavenao: niavognavo tamity hamaroan kane, tamity tsy fiambena naho tsy fidarea
mikasike ty zaka iaby re. Tsy nagnampe tsy mana reo naho ndaty mila fagnampea reo re. [50]Niavognavo naho
nanao sata ratiraty tagnoloako eo re, ka nalako manahake ty hisagnareo iereo.[51]Samaria le tsy nanao ty antsasa ty
hadisoanao aza; iriha kea nanao zaka ratiraty marobey naho ze nanoe gniereo, vaho naneho riha fa
rahavavegnao reo le sahaza kea naho iriha naho reo zaka ratiraty anoenao! [52]Iriha avao, ro maneho ty hegnanao,
tamy gnize fomba zay ro nanehoagnao fa rahavavegnao reo le sahaza koa naho iriha, naho reo hadisoa ze
nanoenao tamy reo fomba ratiraty iaby reo. Rahavavegnao reo te amizao le hoe sahaza naho iriha. Iriha avao, ro
naneho ty hegnanao, la tamy gnize fomba zay ro nanehoagnao fa aleo kea rahavavegnao reo toy izay iriha.[53]Fa
hagnere amity ataone ndraike hanagna gniereo reo raho-hanagna Sodoma reo naho anak'ampelane reo; fa
hanagnanao reo kea le ho amy gniereo eo, [54]Amy reo zaka reo ro hanehoagnao ty hegnanao; ho salabaraka naho
ty zaka iaby vitagnao riha, vaho amy ze fomba zay le ho fampiognona hoe iereo riha. [55]Kea i Sodoma
rahavavegnao naho anak'ampela reo le hahere amity pilasy gniereo taloha eo, vaho i Samaria naho
anak;ampelane reo le hahere amy fanagnane taloha reo eo. Bakeo riha naho anagnao vave reo hahere amity fare
piagnanao taloha.[56]Sodoma rahavavegnao le tsy voatogno ty vavagnao aby aza tamy andro nirengerengea nao
reo, [57]taloha ty nitalilia haratignao reo. Fa amizao le arahe fahafahambaraka amy anak'ampela Edoma reo naho
amy anak'ampela Filistina iaby reo magnodidy aze riha. Tsy mampisy dikane anao iaby ty vahoake iaby. [58]Haneho
ty hegnanao naho asa ratignaoreo!-izay ro fitalilia Yaveh![59]Izao ro tsarae ty Tompo Yaveh: Hifampiraharaha
aminao manahake ze sahaza anao raho, iriha ze nanao tsisy dikane ty vavagnao tamity fandrobaha ifagnekea ay.
[60]Fa iraho ro tsy hampahatiahy ty fagnekeako taminao ze nanoe tamy andro ty hajajanao reo, vaho hanao
fagnekea tsisy mpijanognane miarake aminao raho. [61]Vaho hahatiaro fombagnao reo riha kea ho megnatse lahafa
handrabe zokignao ampela reo naho zaenao vave reo. Hameako anao manahake ty anak'ampela iereo, kanefa tsy
naho ty fagnekeagnao.[62]Iraho vatane ro hanao ty fagnekeako miarake aminao, ka hahay riha fa iraho ro Yaveh.
[63]Naho reo zaka reo, le hahatiaro ty zaka iaby riha kea ho megnatse, vaho tsy hanokake ty vavagnao soa hivola
sasy riha naho ty hegnanao, lahafa nagnega anao tamy reo nanoegnao iaby reo raho-izay ro fitalilia ty Tompo
Yaveh."'


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 17

[1]Avy tamiko ty tsara Yaveh,nanao tihoe: [2]"Nareo anagnodaty, manova fampagnonogna vaho mivolagna fagnohara
amity foko Israely. [3]Volagno tihoe: 'Ia ro tsarae ty Tompo Yaveh: Nisy voromahere bevata ze mana elatse bevata
naho volo gnelatse lava, feno volom boro, vaho maro loko nimba Libanona mbeo vaho nintajake ty tandingolingo
ty hetae sedera eo. [4]Nanampake ty lengo ty ravene amy sampane reo eo zay vaho ninday tane reo amity tane
kanana; nambole izay tamity tana gnireo mpivarotse re.[5]Nangalake voa ty tane maromaro kea re vaho nambole
izay tamity tane mamole. Natobone tatsinsy ty vatan drano bevata manahake ty hetae malahelo zay. [6]Le nitimoke
vaho mizare fieleza ty voaloboke ambane amity tane zay. Ravene reo le niody tamine eo, vaho fakane reo
nitombo tambane gnizay eo. Le nizare voaloboke naho namokatse ravene zay vaho nagnakatse sampane.[7]Fa nisy
voromahere bevata hafa kea ze mana elatse bevata naho volom boro maro. Ingo! Ty voaloboke toy le nampiody
ty fakane tamity voromahere, vaho mamelatse tserane reo tamy ivoromahery bakamity pilasy ze fa nambole zay
soa ho voantondrake zay. [8]Vita vole tamity tane soa atsinsy ty vatan drano bevata zay ka afake mamokatse
tserane naho mampitimoke vokatse, soa hizare voaloboke soa.'[9]Volagno amity vahoake tihoe: 'Izao ro tsarae ty
Tompo Yaveh: Ho ambine vao zay? Tsy hombota amity fakane naho endahe amity voane soa haleme vao zay,
vaho soa haleme ty solofone iaby? Tsy hisy vata mafe na vahoake maro ila soa hagnombotse izay amy fakane reo.
[10]Kea ingo! Ndra le vita vole aza zay, le hitimoke vao? Tsy haleme vao zay lahafa mahazo tioke baka antignana
agne? Haleme vatane amity fika dratine zay."[11]Le avy tamiko ty tsara Yaveh, manao tihoe: [12]"Volagno amity foko
mpivory tihoe: 'Haignareo vao ty dika gnireo zaka reo? Ingo! Avy ta Jerosalema ao ty mpajaka Babylona vaho
nangalake ty mpanjakane naho roandrian dahy reo vaho ninday iereo tamity tane Babylona agne.[13]Le Ninday
foko ndroandria re, nanao fagnekea tamine, vaho ninday aze tamity fifanta. Nagnakatse vahoake mafe reo tamity
tane eo re, [14]soa hietre ty fanjaka fa tsy hiare. Amity fiambena ty fagnekea ro hahavelo ty tane.[15]Fa ty mpanjaka
Jerosalema le nivory nanditse aze tamity fandefasa reo roandria ho a Egypta agne soa hahazo sovaly naho
miaramila. Ho vagno vao re? Hilay vao ze manao reo zaka reo? Laha mivalike ty fagnekea re, le hilay vao? [16]Laha
velo kea raho!-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh-le ho mate amity tane ty mpajaka ze nanao aze ho mpajaka vatane
eo re, iaze mpajaka tsy nasiane dikane ty fifantaney, vaho ze nivalike ty fagnekeane. Ho mate agnivoa Babylona
eo re.[17]Farao naho ty sikine mahere vaho reo fivoria tyndaty maro ho amity aly le tsy hiaro aze agnaly agne,
lahafa magnore feherano dongon tane naho feherano rindry handrobaha ndaty maro ty miaramila Babylona.
[18]Fa fa tsy nasiane dikane ty fifantane tamity fivaliha mpagnekea ty mpanjaka. Ingo, fa nanondrotse ty tagnane
hanao fagnatena re vaho fa nanao reo zaka iaby reo. Tsy hilay re.[19]Kea Izao ro tsarae ty Tompo Yaveh: Laha velo
kea raho, tsy ty fiagnako vao ro tsy nasiane dikane vaho ty fagnekeako ro nivalihane? Kea hinday ty fagnafaiza
ho amity lohane eo raho! [20]Hagnele ty fandriko amine eo raho, vaho ho tsa ty fandrike fiambenako re. Le ninday
aze a Babylona agne naho hanao fitsara amine agne raho ho ahy ty fivaliha ze nanoene laha nivalike amiko re!
[21]Ty fialofane iaby amity miaramila ao le ho tonta ty mesobey, vaho reo ze mitoboke le haparitake amity lala iaby
agne. Le ho hainareo fa Iraho ro Yaveh; Iraho ro nitalily fa hiseho zay."[22]Izao ro tsarae ty Tompo Yaveh: 'Kea ty
vatako mihintsy ro hangalake ty ravene abo amity hetae sedera, vaho hambole izay amy ravene maleme reo.
Hanampake izay raho, vaho ty vatako ro hambole izay amity vohitse abo agne. [23]Hambole izay amity vohitse
Israely raho kea nandatsake naho hamokatse voa zay, le hizare sedera maleme zay hitoboha ty voro mana
gnelatse iaby zay. Hitoboke amity aloke eo aoline reo.[24]Le ho hae ty hetae iaby anbaibo agne fa iraho ro Yaveh.
Mampiemotse ty hetae abo vaho manondrotse hetae ambane reo raho. Mampaleme ty hetae tinondrake raho
vaho mampitiry ty hetae maike. Iraho ro Yaveh, fa nataklili ko fa hiseho zay; vaho fa nanao izay raho.'"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 18

[1]Avy tamiko ndraike ty tsara Yaveh, manao tihoe: [2]"Ino ty toenao ho tsarae, iriha ze mampiasa ze ohatse zay
mikasike ty tane Israely vaho manao tihoe: 'Ty rae le mihina voaloboke madiro, vaho ty nife ty anake le
niragnite?[3]Laha mboe velo kea raho-izay ty fitalilia ty Tompo Yaveh-tsy hisy fahfaha ho anao hampiasa ty ohatse
toy a Israely agne sasy! [4]Ingo! Ty fiagna iaby le ahy-ty fiagna ty rae manahake ty fiagna ty anake, ahy iereo! Ty
fagnahy ze mandiso ro ho mate![5]Ino ty hae tsarae mikasike ty ndaty ze mare naho ze manao ty rarene naho ty
fahitia-[6]laha tsy mihina amity vohitse eo na manondrotse ty masone amity aoly ty foko Israely re, vaho tsy
mandoto ty mpiharo tana amity valine, na magnarikitse ampela zisike ty reglane, feie vao lahilahy mare re?[7]Ino
ty hae volagne mikasike ty lahilahy tsy mampijale na ia na ia, vaho magnere ahy mpitrosa ze natobo ho fiaro ho
ahy ty fitrosam bola re, vaho tsy mangalatse fa magnomey ty hanene ho ahy ty kere naho mandrakoke ty tsy
misiky amity sikine, feie vao ndaty mare re? [8]Ino ty hae tsarae mikasike ty ndaty tsy mangalake bey loatse amity
vola indrame, vaho tsy mangalake tombone bey loatse amy gnize aviline? Vinola mikasike aze fa minday ty
rarene naho mampipoke Toky amity ndaty eo re. [9]Laha mandeha amity lalako ze ndaty zay ka mitanjake ty liliko
soa hiasa ampitokia, le izao ty fampagnatena ho ahy ty ndaty mare toy: ho velo vatane re-izay ro fitalilia ty
Tompo Yaveh.[10]Fa laha atao tihoe managnake mahereloha ze mampipo dio naho manao amy zaka reo ze tinogno
teto re [11]Le tsy nanao reo zaka reo aza ty raene, fa mihina amy vohitse reo naho mamitake ty mpiharo tana amity
valine re, ino ty hae volagne mikasike aze?[12]Mampijale ty tsy mana naho ty mila fagnavota ze ndaty zay, vaho
magnadevo naho mandroba re, vaho tsy magnere ty fita, ka manondrotse ty masone amy aoly naho manao sata
mampangory reo, [13]vaho mampitrosa bey loatse re ka mangalake tombone bey loatse amy ze aviline, tokone ho
velo vao ze ndaty zay? Itokisa fa tsy ho velo! Ho mate vatane re vaho ty lione le ho amine eo satria nanao reo
zaka raty iaby reo re.[14]Fa ingo! Dineho tihoe misy ndaty miterake kolo lahy, vaho ty anane lahy le mahisake ty
hadisoa iaby ze nanoe ty raene, vaho ndra le hisane aza reo, le tsy manao reo zaka reo re. [15]Tsy mihina amity
vohitse eo ze anake lahy zay, vaho tsy manondrotse ty masone amy aoly ty foko Israely reo, naho tsy mamitake ty
mpiharo tana amity valine, ino ty hae volagne mikasike aze?[16]Tsy mampijale ndra ia ndra ia ze anake zay, na
manao antoke, na mangalake zaka nangalare, fa kea magnomey ty hanene ho ahy ty kere naho manako ty tsy
misiky amity siky. [17]Tsy mampijale ndra ia ndra ia mindra bola bey loatse na mangalake tombone bey loatse
amity findramam bola ze anake lahy zay, nefa minday ty liliko naho mandeha amity liliko; tsy ho mate naho ty
hadisoa droane ze anake lahy zay: itokisa fa ho velo re![18]Satria mampijale ty hafa aman kere naho mandroba ty
rahalahine, vaho manao ze tsy mete amity ndaty ao, ty raene-ingo, ho mate amity hadisoane re.[19]Fa iriha mivola
tihoe:'Nanao akore ianake lahy ro minday ty hadisoa ty raene?'Satria Minday fahitia naho hamaregna vaho
miambe ty liliko iaby ianake lahy; manao reo re. Azo antoke fa ho velo re! [20]Iaze raike mandisoy, ro ho mate. Ty
anake lahy le tsy hinday ty hadisoa ty raene, vaho ty raike tsy hinday ty hadisoa ty anane lahy. Ty fahitia iaze
raike miasa soa ay le ho amine avao, vaho ty haratia ty raty fagnahy le ho amine avao.[21]Fa laha miala amity
hadisoa iaby ze nanoene iraty fagnahy, vaho miambe ty liliko naho manao ty rarene vaho ty fahitia, le azo antoke
fa ho velo re fa tsy ho mate. [22]Ty fandikan dily ze fa nanoene le tsy hampitiahive aze. Hiay amity fahitia ze
hanoene re.[23]Feie vao tena fale zisikagne amity havilasy ty raty fagnahy raho-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh-fa
tsy amity fialane amity lalane soa hiaiagnane?[24]Fa laha miala amity hamaregna naho mandiso vaho manao
hadisoa naho zaka ratiraty manahake ty zaka raty iaby anoe ty ndaty raty ty ndaty mare, le ho velo vao re? Ty
fahitia iaby ze fa nanoene le tsy hampitiahive sasy lahafa nivalike amiko amity famadihane re. Ka ho mate amity
hadisoa ze nanoene re.[25]Fa iriha mivola tihoe: 'Ty lala ty Tompo le tsy rarene! Njigno, nareo foko Israely! Feie vao
tsy rarene ty lalagnareo? [26]Lahafa miala amity hamaregna ty ndaty mare, vaho mandiso le mate naho reo, le ho
mate amity hadisoa ze nanoene re.[27]Fa laha miala amity haratia ze nanoene naho manao ty rarene naho ty
hamaregna ty raty fagnahy, le hahavonje ty fiagnane re. [28]Fa fa nahisake vaho niala tamity fandikan dily iaby ze
fa nanoene re. Mete ho velo re, vaho tsy ho mate.[29]Fa ty foko Israely mivola tihoe: 'Ty lala ty Tompo le tsy rarene!'
Amity fomba manao akore ro tsy maha rarene ty liliko, nareo foko Israely? Lilignao reo ro tsy rarene. [30]Naho izay
le hitsara ty lahilahy kiraidraike aminareo eo manahake fombane reo raho, nareo foko Israely!-izay ro fitalilia ty
Tompo Yaveh. Miheregna vaho miala amity fandikan dily gnareo soa tsy ho vato misaka hadisoa aminareo iereo.
[31]Alao amity vatagnareo fandikan dily iaby reo ze fa nanoenareo reo; anovo fo mbao naho fagnahy mbao ty
vatagnareo. Nanao akore riha ro tokone ho mate, nareo foko Israely? [32]Fa tsy fale amity fate gnize mate raho-izay
ro fitalilia ty Tompo Yaveh!"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 19

[1]"Amizao riha, mitagnia handietse mpitary Israely reo mpitary ty Israely [2]vaho volagno tihoe: 'Ia ro renegnareo?
Liona vave, niharo toboke tamity anan diona re; tagnivoa ty liona anane eo, nikarakara Anane reo re. [3]Ire niteza
ty raike tamy anane reo hizara liona anane, liona ze nianatse nadrimidrimitse ty niazone, vaho le nihina ndaty
iereo. [4]Bakeo firene reo naharey ty mikasike aze. Tratse tamity fandry gniereo re, vaho le nindese gniereo tamity
farango ho amity tane Egypta agne.[5]Kea hisane fa ndra niambe ty fiheregnane aza re, le tsy mana fagnatena sasy
re amizao, kea nangalake hafa tamy anane reo re ka niteza aze hizare liona kele. [6]Hinodikody tagnivoa liona reo
ze liona mboe kele zay. Liona anane re vaho nianatse nandrimitse niazone reo; nihina ndaty re. [7]Sinambone
mpinday vata gniereo reo vaho rinavane ty tana gniereo. Ty tane naho ty hafenone le nafoe naho ty Fitrerone.[8]Fa
avy handietse iereo firene reo bakamy reo faretane iaby; namelatse ty fandry gniereo tambone eo iereo.
Sinambotse tamity fandry gniereo re. [9]Tamity farango ro nanova gniereo tamity seresere vaho nindese gniereo
tamity mpanjaka Babylona re. Nindese gniereo tamity fiaro mafe re soa tsy ho re amy vohitse Israely reo sasy ty
feone.[10]Ty renerano le manahake ty voaloboke mitiry amity liognao ao agnila ty rano eo. namokatse izay vaho
feno ravene naho ty fivora ty rano. [11]Mafe ty rave gnize fampiasa ho fitogno mpandily reo, vaho ty habey gnizay
le nasondrotse ambone ravene reo, vaho ty haabone le hisake amity habevata ty ravene.[12]Fa nombota tamity
heloke ivoalobokey vaho natorake tamity tane eo, vaho nisy tioke baka antignana nagnamaike ty voane. Ravene
mafe reo le tampatampake sady naleme vaho ty afo ro nandrava iereo. [13]Kea amizao le nambole agnefetse agne
zay, amity tane maike vatane agne.[14]Fa afo niboake bakao bakao amy ravene bevata reo ka nandevo ty voane. Tsy
misy ravene mafe sase amigny zay, tsy misy fitogno hanampake.'Fitagnia zay vaho ho antsae manahake ty antsa
fandala."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 20

[1]Vaho tamity tao fahafito, tamity andro fahavalo ty vola fahadime, le niavy ty roandria Israely hagnotane ani
Yaveh ka nitoboke tagnoloako eo.[2]Vaho niavy tamiko ty tsara gn'Yaveh, manao tihoe: [3]"Nareo anagnodaty, atalilio
amity roandria Israely vaho volagno iereo tihoe: 'Ty Tompo Yaveh mivola izao: Avy hagnotane ahy vao riha?
Laha velo koa raho, le tsy hanontaneanao!-izay ty fitalilia ty Tompo Yaveh.'[4]Hitsara iereo vao riha? Hitsara vao
riha, nareo anagn'ondaty? Ao iereo hahay ty zaka raty ty razagne. [5]Volagno iereo fa: 'Yaveh Tompo mivola izao:
Tamity andro ze nitinginako ty Israely naho nanondrotako ty tagnako soa hifanta fifanta tamy foko reo ty foko
Jakoba, naho nampahaieko iereo ty vatako tamity tane Egypta agne, lahafa nanondrotse ty tagnako soa hifanta
fifanta tamy gniereo eo raho. Hoe raho tihoe: "Iraho ro Yaveh Zagnaharenareo-reo"-[6]tamy gnize andro zay ro
nanondrotako ty tagnako soa hifanta fanta tamy gniereo eo fa hinday iereo hiboake amity tane Egypta ho amity
tane ze fa tiningiko Soa hoe iereo raho. Feno rano naho tantele zay; izay ro ravake soa vatane amity tane iaby eo.
[7]Hoe raho tamy gniereo: "Ao ty ndaty kiraidraike hagnary reo zaka mampangory reo agnoloa ty masone naho reo
aoly Egypta reo. Ko mandoto ty vatagnareo; Iraho ro Yaveh Zagnaharenareo."[8]Nefa nivory tamiko iereo vaho tsy
nimete ninjajy ahy. Ty ndaty kiraidraike tsy nisy nagnary ty zaka mampangory tagnoloa ty masone eo na nahafoe
ty aoly Egypta, kea le tapam kevetse hagnisy ty siako amy gniereo eo raho soa hahafapo ty siako amy gniereo eo
agnivoa ty tane Egypta. [9]Niasa ho ahy ty agnarako raho soa tsy ratiedratie amaso gnireo firene ze nitobohane eo
zay. Nampahaieko tamaso gniereo eo ty vatako, tamity findaisa iereo niboake ty tane Egypta.[10]Kea le nandefa
iereo niboake ty tane Egypta raho vaho ninday iereo ho ahy ty efetse. [11]Le nagnomey iereo ty liliko raho vaho
nampahay iereo ty liliko, ze hahavelo ty ndaty laha magneke reo re. [12]Nagnomey iereo ty Sabatako ho famantara
Amiko eo naho iereo avao kea raho, soa hahaiza gniereo fa Iraho ro Yaveh ze magnamasy iereo.[13]Nefa ty foko
Israely le nivory handietse ahy tagnefetse agne. Tsy nagnorike ty liliko iereo; fa kea, nandietse ty liliko, ze
hahavelo ty ndaty laha magneke izay iereo. Rinatidraty iereo vatane ty Sabatako, kea nivola raho fa hapoko amy
gniereo agnefetse agne ty siako soa hilania iereo iaby. [14]Nefa niasa ho ahy ty agnarako raho soa tsy ho ratiratie
amaso gnireo firene eo zay, ze tamasone eo ro nindaisako iereo ta Egypta agne.[15]Kea nanondrotse ty tagnako avao
kea raho soa hifanta fifanta amy gniereo agnefetse agne fa tsy hinday iereo amity tane ze fa hameako iereo, le
tane feno rano naho tantele, ze ravake soa vatane amity tane iaby eo. [16]Nifanta izay raho satria nandietse ty liliko
iereo vaho tsy nagnorike ty liliko, vaho nandratiraty ty Sabatako, satria nagnorike aoline reo ty fone. [17]Fa
niferegnay iereo tamity harobahane ty masoko vaho tsy nandrobake iereo tagnefetse agne raho.[18]Hoe raho tamy
anane lahy reo naho anak'ankapela tagnefetse agne reo tihoe: "Ko mandeha amity lily ty rae naho roenegnareo;
ko miambe ty liline na mangnadevodevo ty vatagnareo amity aoly. [19]Iraho ro Yaveh Zagnaharenareo, mandehana
amity liliko; ambeno ty liliko vaho anovo reo. [20]Ambeno ty Sabatako masy soa ho famantara Amiko eo naho
aminareo reo, soa hahainareo fa Iraho ro Yaveh Zagnaharenareo."[21]Fa nivory tamiko anane lahy reo naho
anak'ampelane reo. Tsy nandeha tamity liliko iereo na niambe ty liliko, ze mahavelo ty ndaty laha magneke reo
re. Nandratiraty ty Sabatako iereo, la le tampakevetse ty hagnisy ty siako tamy gniereo eo aho soa hahafapo ty
siako tamy gniereo tagnefetse agne. [22]Nefa nampio ty tagnako raho vaho niasa naho ty amity agnarako, mba tsy
ho ratiratie amaso gnireo firene eo zay tamasone eo ro namoaha ty Israely izay.[23]Nanondrotse ty tagnako soa
hifanta amy gniereo agnefetse agne avao kea raho, fa hagnele iereo amy reo firene reo naho hagnaparitake iereo
amity tane. [24]Nanampa kevetse ty hanao izay raho satria tsy nagneke liliko reo iereo, vaho satria nandietse liliko
reo iereo vaho nagnaratiraty ty Sabatako. Ty masone le nagnorike ty aoly ty razagne iereo.[25]Lahafa izay le
nagnomey iereo lily ze tsy soa, vaho ty lily ze tsy hahavelo iereo avao kea raho. [26]Nandoto iereo tamity fagnomeza
gniereo raho lahafa nanao soro ty voaloha nanaka iaby naho nanorake reo tamity afo ao iereo. Nanao izay raho
soa hampatahotse iereo ka hahaizane fa Iraho ro Yaveh!'[27]Naho izay, nareo anagn'ondaty, mivolagna amity foko
Israely vaho volagno iereo tihoe: 'Ty Tompo Yaveh mivola izao: Tamy zay avao kea le nivolagna ty razagnareo
raty ahy tamy tsy natoky ahy I iereo. [28]Lahafa Ninday iereo ho amity tane ze fa nifantako hamea iereo raho, vaho
ndra ombia ndra ombia nahisaha haboa abo iereo vaho hetae mandoroboke, le nagnomey sorone iereo,
nahameloke ahy tamity rakene iereo, vaho tao avao kea ro nagnoroa gniereo ty linte ketae magnitse naho
nanjotsoane ty rakene hinome. [29]Le hoe raho tamy gniereo: "Ino ty pilasy abo ze hindaisagnareo raketse toy? Kea
le kinaike tihoe Bama ty agnarane zisik'androany.'[30]Naho izay volagno amity foko Israely tihoe: 'Ty Tompo Yaveh
mivola izao: Nanao akore nareo ro mandoto ty vatagnareo amity fomba razagnareo reo? Kea nanao akore nareo
ro manao manahake ty mpivarotegna, mila reo zaka mampangory? [31]Fa lahafa magnomey ty anagnareo lahy
agnate afo ao, manomboke amo andro o nareo le mandoto ty vatagnareo amity aolinareo iaby. Kea nanao akore
raho ro tokone hagnega anareo hagnotane ahy, nareo foko Israely? Laha velo kea raho -izay ro fitalilia ty Tompo
Yaveh-le tsy hagnega anareo hagnotane ahy raho. [32]Ty hevetse miforo antsaignareo ao le tsy ho tanterake

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

mihintsy. Hoe nareo tihoe: "Ao zahay hanahake ty firene hafa, manahake ty foko amity tane hafa ao ze manompo
hetae naho vato."[33]Laha velo kea Raho- izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh-le azo antoke fa hanjaka aminareo eo raho
amity tana mafe, vata misondrotse, vaho siake ze ataoko aminareo eo. [34]Hinday anareo hiala bakao amy reo
ndaty hafa eo raho vaho hamory anareo bakamy reo firene tamy ze nagnaparitaha anareo. Hanao izay amity
tana mafe naho amity siake nanoeko raho. [35]Le hinday anareoagnefetse agne ty ndaty raho, vaho agne ro
hitsarako anareo mivanta.[36]Manahake ty nitsarako ty razagnareo tagnefetse ty tane Egyptao, ro hitsarako anareo
avao reo-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh. [37]Hampandrio anareo ambane ty hetae eo raho, vaho hampagneke
anareo ty lily fagnekea. [38]Handio mpivory reo naho reo ze mandietse ahy baka aminareo eo raho. Handefa iereo
bakeo amity tane ze itoboha gniereo manahake ty vahiny raho, nefa tsy ho hilitse amity tane Israely ao iereo. Le
ho hainareo fa Iraho ro Yaveh.[39]Ka ho anao, nareo foko Israely, izao ro tsarae ty Tompo Yaveh: Ty kiraidraike
aminareo le tokone handeha amity aoline agne aby. Manompoa iereo lahafa tsy hinjajy ahy nareo, nefa ao tsy
handratiraty ty agnarako masy amity fagnomeza naho aolinareo reo sasy nareo.[40]Fa amity vohitse masy eo, an-
dingolingo ty vohitse Israely eo-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh- ty foko Israely iaby le hanompo ahy amy taney
ao. Hahafale ahy ty mitake ty rakegnareo agne, vaho ty lohavoy ty fokognareo miarake amity zaka masignareo
iaby avao kea. [41]Hagneke anareo manahake ty linten ketae magnitse raho lahafa magnakatse anareo bakeo amity
ndaty vaho mamory anareo amy tana ze fa nagnisia anareo. Haneho ty vatako ho masy aminareo eo raho soa
hisa gny firene reo.[42]Vaho, lahafa minday anareo amity tane ty Israely agne raho, amy iaze tane ze fa
nanondrotako ty tagnakoy hifanta fa omea ty razagnareo, le ho hae gnareo fa Iraho ro Yaveh. [43]Bakeo le ho
tadidignareo fomba ratignareo reo, naho ty asagnareo iaby ze nandoto ty vatagnareo, vaho halay ty vatagnareo
amasognareo eo avao nareo naho ty sata ratinareo iaby ze fa nanoenareo. [44]Kea ho hainareo fa Iraho ro Yaveh
lahafa manao izay aminareo naho ty amity agnarako raho, fa tsy ho ahy fomba ratignareo na ty sata ratignareo,
nareo foko Israely-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh.""[45]Le niavy tamiko ty tsara Yaveh, nanao tihoe: [46]"Nareo
anagnondaty, magnatreha ty antimo ty tane, vaho mivolagna miagnatimo, mitokia ty amity handiera ty ala
Negeva. [47]Volagno amity ala Negevo tihoe: 'Izao ro fitalilia gn'Yaveh-ty Tompo Yaveh mivola izao: Ingo,
handrehetse afo aminareo eo raho. Handrava ty hetae mbao iaby naho ty hetae maike iaby aminareo eo zay. Tsy
ho vonoe ty lelan afo mirehetse; ho oroa ze iaby bakantimo agne ka zisika avaratse agne.[48]Le ho hisa ty nofo iaby
fa iraho ro Yaveh lahafa mandrehetse ty afo raho, vaho tsy ho mate zay.""[49]Vaho hoe raho tihoe: "Feie! Nao Tompo
Yaveh, mivola ty amiko iereo tihoe: 'Feie vao tsy mpivola fagnohara avao re?

Chapter 21

[1]Le niavy tamiko ty tsara Yaveh, nanao tihoe: [2]"Nareo ana gnondaty, atoliho magnolia ani Jerosalema ty
tarehegnao, vaho mivolagna handietse pilasy masy reo; mitokia handietse ty tane Israely. [3]Volagno amity tane
Israely tohoe: 'Ezao ro tsarae Yaveh: Ingo! Mandietse anao raho! Haboako bakamity pilasine ty mesobeiko ka
handily ty ndaty mare naho ty raty fagnahy hiala aminao![4]Soa handiliako ty mare naho ty raty fagnahy hiala
aminao, le hiboake bakamity fitobohane hamango ty nofo iaby zisik'antimo agne kea zisik'avaratsagne ty
mesobeiko. [5]Le ho hay ty firene iaby fa Iraho, Yaveh, ro nagnakatse ty mesobeiko bakao amity pisy aze. Tsy
hihemotse sasy zay![6]Ty aminao, nareo ana gnondaty laha vaky ty voagnao! Misefoa ampandiniha amaso gniereo
eo! [7]Vaho hagnotane anao iereo tihoe: "Ino ty antone hisefoagnao? Le hivola riha tihoe: Naho ty amity vaovao ze
ho avy zay, fa ho kivy iaby ty fo, vaho heleme ty tana iaby! Hiha kivy ty fagnahy iaby, vaho hikororoke manahake
ty rano ty ongotse iaby. Ingo! Ho avy zay vaho hanahake izay!- izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh.""[8]Le niavy tamiko
ty tsara Yaveh, nanao tihoe: [9]"Nareo ana gnondaty, mitokia vaho volagno tihoe: 'Izao ro tsarae ty Tompo: Volagno
tihoe: Mesobey! Mesobey! Ho ragnite zay vaho hampazavae.[10]Ho ragnite zay soa hampiasae amity vono bevata!
Ho hazavae zay soa hanahake ty helatse! Tokone hofale amity fitogno mpajaka ty anako vao tika? Hala ty
mesobey ho avy ty hetae iaby manahake izay! vaho soa ho hetae ty tana lahafa bakeo! Vita ragnitse ty mesobey
vaho nampazavae vaho hamea ho antana gny raike ze mamono oy zay!'[12]Mikaiha vonje vaho mitagnia, nareo
ondaty! Fa ze mesobey zay le avy hamango ty ndatiko! Mandietse mpinday Israely reo zay. Natorake ho amity
mesobey niarake tamity ndatiko iereo. Naho izay, mamango fe! [13]Fa misy ty fitsara, feie hanao akore laha
maharetse ty fitogno?-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh.[14]Amizao riha, nareo ndaty, mitokia vaho mitehafa tagna, fa
hamango fagnitelone vatane aza ty mesobey! Mesobey ho ahy reo ze ho vonoe! Mesobey ho ahy reo maro ze ho
vonoe zay, mitomboke iereo ndra ho Aia ndra ho aia![15]Soa hampitsonike ty fone naho hampitombo tontane reo, le
natoboko handietse ty vavahady gniereo ty vono ty mesobey, Loza! Natao manahake ty helatse zay, ze nafaha ho
amity mpivaro kena agne! [16]Iriha, mesobey! Mamangoa baka ankavana eo! Mamangoa baka ankavia eo!
Mandehana amigny ze iaby hitoliha ty tarehegnao. [17]Fa hamango ty tagnako roe avao kea raho; vaho bakeo le
hinday ty siako ho amity fitofa! Iraho, Yaveh ro mitalily izay!"[18]Niavy tamiko ndraike ty tsara gn'Yaveh, nanao
tihoe: [19]"Amizao riha, nareo ana gnondaty, mitingina lala roe hiavia ty mesobey ty mpanjaka Babylona. Sambe
nanomboke amity tane raike avao lala roe reo, vaho hisy vy hagnamantatse ty raike amy hinday amity tana reo
agne. [20]Mariho ho ahy ty miaramila Babylona ty lala raike homba Raba agne, iaze tana ty Amonita ay. Mariho
hinday amity miaramila i Joda agne naho tana Jerosalema, ze vita aro mafe iaze raike hafay.[21]Fa ty mpanjaka
Babylona le hijano amity jeban dala eo, amity fifanojeha, soa hanao sikily. Hagnozongozo tsipike maro re vaho
hangatake taridala bakamity aoly vaho hagnete amity ate kena. [22]Amity tagnane havana le hisy fambara mikasike
Jerosalema, soa hagnisy ambe vy fandrobaha hahazo izay, soa hanokake ty vavane handily ty amity famonoa,
hagnakatse Koran aly, hagnisy ambe vy fandrobaha hamangoa ty vavahady, hagnaboatse Tovon tane, vaho
hananga ty tilikambo fanova fagnetagna. [23]Hanahake ty fambara tsy misy dikane amaso reo ze Jerosalema ao zay,
le reo ze nanao fanta vava tamy Babylona! Fa hanara iereo naho ty fandiera dily ty mpanjaka soa hanova
fagnetagna iereo![24]Naho izay le izao ro tsarae ty Tompo Yaveh: Satria hampahatiahive ahy ty hadisoagnao, le
hiseho ty haratiagnao! Ho hisake amity asagnao iaby ty hadisoagnao! Naho ze antone zay le hampatiahy ty ndaty
iaby riha fa ho ndevo ty tana ty rafegnao riha![25]Ty aminao, mpandily Israely mpandratiraty sady raty fagnahy, ze
fa niavy ty andro ty fagnafaiza aze, vaho fa tampetse ty andro fandisoane, [26]izay ro tsarae ty Tompo Yaveh
aminao: tsoaho ty hamama vaho afaho ty satro- kasy! Tsy hitovy sasy ty zaka iaby! Asondroto mietre reo vaho
aetreo misondrotse reo! Harava! Harava! Ho robaheko toy! Tsy ho tafahere amity nataone zay zisipiavia iaze
raike voantingy hanao fitsara ay.[28]Kea iriha, nareo anagn'ondaty, mitokia vaho volagno tihoe: 'Izao ro tsarae ty
Tompo Yaveh amity vahoake Amona mikasike ty fahafaham baraka gniereo ho avy: Mesobey, nisy mesobey
niboake! Niragnite ho ahy ty vono soa handrapake, kea le hanahake ty helatse zay! 29Laha mahisake fahisaha foa
ho anao mpitoky reo, laha mboe manao fombafomba ze hiafara amity vande ho anao iereo, le hagnamba amity
tenda raty fagnahy reo ze ho vonoe, fa avy ty andro ty fitsara aze vaho ze fa ho vita ty andro ty hadisoane
osabatao.[30]Aheregno amity fitobohane ao ty mesobey. Amity fitoboha namboaregnao Riha, amity tane
niboahagnao ao, ro hitsarako anao! 31Hapoko aminao ty siako! Ho tiofeko hahazo anao ty afo ty hasosorako vaho
hatoboko ho antane ty ndaty raty eo riha, le lahilahy malaky amity fandrobaha![32]Hizare solike ho ahy ty afo riha?
Hoagnivoa ty tane eo ty liognao. Tsy ho tsaroe ndriha, fa iraho, Yaveh ro nanalily izay!""


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 22

[1]Vaho niavy tamiko ty tsara gn'Yaveh, nanao tihoe: [2]"vaho iriha, nareo anagnodaty, hitsara vao riha? Hitsara ty
tanan dio vao riha? Ampahaio aze ty zaka ratine iaby. [3]Tsy maintsy volagnenao tihoe: 'Ezao ro tsarae ty Tompo
Yaveh: Intoy le tana mampipo dio agnivoane eo hihavia ty androne; tana manao aoly handotoa ty vatane.[4]Meloke
naho ty lio ze fa napognao riha, vaho linoto aoly nanoegnao reo. Fa fa nagnafoe ty andrognao naho nampagnato
ty tagnanao farane riha. Naho izay le hanoeko hegnatse ho ahy firene reo riha vaho fihehea amaso ty tane iaby
eo. [5]Reo ze marikitse anao naho reo ze lavitse anao le sambe handraty anao, iriha tana maloto, sady hae ndra ia
ndra ia ty lazagnao amity maha feno fifandrobaha anao.
[7]Fa nagnafabaraka rae reke naho rene taminao ao reo iereo, vaho namita fampijalea tamy vahiny reo
tagnivoanao eo. Raty findaisa bode reo naho mpinday vata reo taminao ao iereo. [8]Fa tsy nampisy dikane zakako
masy reo riha vaho nandratiraty ty Sabatako. [9]Lahilahy mpagnaratiraty reo le fa niavy taminao eo hampipo dio,
vaho mihina ambohitse egne iereo. Manao zaka raty agnivoanao eo iereo.[11]Lahilahy reo ze manao zaka ratiraty
miarake amy valy ty mpirae tana amine, vaho lahilahy ze mandoto aman kegnatse reo vinanto vavene avao;
lahilahy ze magnararaotse anabavene reo-le reo anak'ampela ty raene reo avao- reo iaby reo le aminao eo.
[12]Lahilahy reo le mandrambe vandevande aminao eo hampipohan dio. Fa nahazo tombone riha vaho nahazo
tombone maro vatane, nandrava mpiharo tana tamity fampijalea riha, vaho nagnaligno ahy- izay ro fitalilia ty
Tompo Yaveh.[13]Ingo! Tamity tagnako ro namangoako tombone reo tsy amity mare azognao, naho ty fampipoha
dio agnivoanao eo. [14]Hahazaka vao ty fagnao, homafe vao ty tagnanao amity andro hamangoako anao? Yaveh, ro
mitalily izay, vaho hanoeko zay. [15]Kea hagnaparitake anao amy firene reo eo raho vaho hagnele anao feno ty tane.
Amy ze andro zay, ro hagnaliovako ty lotognao aminao. [16]Kale haloto amaso gnireo firene eo riha. Vaho ho haenao
fa iraho ro Yaveh."[17]Bakeo le avy tamiko ty tsara gn Yaveh, manao tihoe: "Nareo anagn'ondaty, amiko ty foko
Israely le fa mizare tai kombe. Iereo iaby le sisam barahy naho foty, vaho vy naho firake agnivoa nao eo.
Hanahake ty tain kombe volafoty agnate laforo nao bevata ao iereo. [19]Naho izay le zao ro tsarae ty Tompo Yaveh:
'Satria fa manjare manahake ty taim kombe nareo iaby, naho izay, ingo! Fa hamory anareo agnivoa Jerosalema eo
raho.[20]Manahake ty volafoty naho varahy, vy, firake vaho vy foty vita vory agnivoa ty laforo bevata eo ze tsy
maintsy hisy afo hitsoke zay, ro handrendrehako anao. Kea hamory anao amity siako ao naho ty heloko raho.
Hatsofoko ao riha vaho hitsoke ty afo amy gnizay ao raho handredrehako izay; kea hamory anao amity siako
naho amity heloko raho, vaho hampipoke anao raho handredrehako anao. [21]Kea hamory anao raho vaho hitsoke
anao amity afo ty siako ka ho robake agnivoane eo riha. [22]Manahake ty volafoty robake agnivoa ty laforo bevata
eo, ro haharobake anao agnivoane eo, ka ho hainao fa iraho, Yaveh, ro fa nagnisy ty siako taminao!""[23]Niavy
tamiko ty tsara Yaveh, nanao tihoe: [24]"Nareo ana gnondaty, volagno amine tihoe: 'Iriha le tane mboe tsy malio. Tsy
misy Ora amity andro ty siake! [25]Misy fiharoa njaka mpitoky reo agnivoane eo, manahake ty liona mitrero
mandrimindrimitse ty niazone. Mandrava ty fiagna iereo vaho mangalake hanagna sarobily; nagnega mpinday
vata maro tamine eo iereo![26]Mahereloha amity liliko mpisorone reo, vaho magnaratiraty zakako masy
haratieratie reo. Tsy magnavake ty zaka masy naho zaka ratieratie gniereo, vaho tsy magnanatse ty hasambehafa
amity maloto naho ty malio eo. Maminy ty masone amity Sabatako iereo handratiandratia ahy agnivoane eo.
[27]Roandrian dahy amine eo manahake ty amboa ly mandrimindrimitse ty niazone. Mampipo dio iereo vaho
mandrobake fiagna, hahazoa tombone lalotse foty mpitoky reo; mahisake fahisahan diso iereo vaho mitoky
vande amy gniereo. Hoe iereo tihoe: "Izao ro tsarae ty Tompo Yaveh " nefa tsy nivola ty Yaveh.[29]Ndaty ty tane reo
le nampijale taman-kere naho nagnadevo tamity fandrobaha, vaho manao raty sata ty tsy mana naho ty tsy
zarezare iereo, sady mampijale ty vahiny tsy aman drarene[30]Kea nila lahilahy raike tamy gniereo ze hananga
lakoro naho hitsanga agnoloako eo amity elagnela gnizay ho ahy ty tane raho soa tsy handrobahako izay, fa tsy
nahisake raho. [31]Kea le hasiahako iereo. Handany iereo amity afo ty siako raho vaho hampipoke ty lalane amity
loha gniereo eo avao- izay ro fitalilia gny Tompo Yaveh."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 23

[1]Niavy tamiko ty tsara gn'Yaveh, manao tihoe: [2]Nareo anagnodaty, nisy ampela roe, raike rey. [3]Nanao manahake ty
mpamarobata ta Egypta agne tamity andro ty hasomonjarane iereo. Ty tratra gniereo le finihy vaho ty nonone
mboe matoe le sinafosafo tagne. [4]Ty agnara gniereo le Ohola-ty zokine-vaho Oholiba-ty zaine. Niazoko iereo vaho
nisamake kolo lahy naho ampela. Izao ro dika ty agnara gniereo: Ohola le midika tihoe Samaria, vaho Oholiba
tihoe Jerosalema.[5]Nefa mboe nanao manahake ty mpivarotegna avao ty Ohola ndra le ahy aza re; nila mamine
reo, Asyriana ze nanjaka, [6]Ty governora ze nisiky volomparasy, vaho reo manankasine, mafe naho soa tarehe re,
iereo iaby le mitikitsovaly iaby. [7]Le nagnomey ty vatane manahake ty mpivarotegna tamy iereo, tamity lahilahy
Asyria soa vatane iaby re, kale nandoto tegna tamity ndaty iaby ze nilane-naho tamity aoly gniereo iaby re.[8]Fa tsy
nengane ta Egypta agne ty satane manahake ty mpivarotegna, laha niharo fandre tamine iereo tamy ire mboe
somonjaray, laha vaho nanomboke nanafosafo ty tratrane mboe tsy mahasahy lahy iereo, laha vatane
nanomboke nahazo ty firioriovane tamine iereo. [9]Kea le nagnomey tantagna mamine reo, tantagna Asyria ze
nilaene re. [10]Tsy namisikene iereo re. Nalaene anane lahy reo naho anak'ampelane reo, vaho vinono gniereo
tamity mesobey re, le nanjare hegnatse ho ahy ty ampela hafa re, ka tsinara iereo.[11]Hisa ndre Oholiba rahavavene
zay, feie nana fila tamam-pagniria vatane aza re vaho niriorio kea naho ty rahavavene aza. [12]Nila Asriana reo,
governora reo naho manankasy najaka ze nisiky magnitse, lahilahy mitikitsovaly re. Lahilahy mafe naho soa
tarehe iaby iereo iaby. [13]Hisako fa nandoto ty vatane re. NItovia gniereo mirahavave zay.[14]Le nampitombo ty
fivarotantegnane maro vatane aza re. Nahisake lahilahy natao sare aloalo tamity rindry re, le sare Kaldeana
linoko mena reo, [15]manao fehe troke ambalahane eo, naho hamama misy rambone andohane eo. Iereo iaby le
nanahake ty manankasy ty tokon kalese, manahake anake lahy Babylona, ze taratane Kaldeana.[16]Vatane vaho
nahisake aze masone reo, le nila aze iereo, kale nandefa olo tamy gniereo ta Kaldea agne re. [17]Le niavy tamine eo
tamity fandrea ty filane Babyloniana reo, ka nandoto aze tamity fivarontategnane. Tamy ze nanoene le maloto re,
kea le niody niala tamy gniereo tamity rikoriko re.[18]Naneho ty fivarotategnane iereo vaho naneho ty vatane tsy
misiky, ka le niala tamine ty fagnahiko, manahake ty niala ty fagnahiko tamity rahavavene. [19]Le nivarotegna
vatane re, laha nahatiaro naho nangalake andro ty hakoloane reo, tamy ire nanao manahake ty mpivarotegnay
tamity tane Egypta agne.[20]Kea le nila imamine reo re, manahake ty ahy boriky reo ty faretse faly gniereo, vaho ze
manahake ty ahy sovaly reo ty ranognaine. [21]Izay ro nagnafagnao baraka ty hakoloanao, laha nanafosafo ty
nonognao naho namihy ty tratragnao mboe tsenone Egyptiana reo.[22]Naho izay, nao Oholiba, izao ro tsarae ty
Tompo Yaveh: 'Ingo! Hampivaliheko aminareo mamignareo reo. Reo ze nialagnao, hampandiereko anao amity ze
zaka iaby iereo; [23]le reo Babylona naho Kaldeana iaby reo, Pekoda, Soa, vaho Koa, naho Asryana iaby miarake
amine, mafe, lahilahy soa tarehe, governora naho mpadily reo, iereo iaby le manankasy iaby sady lahilahy
malaza, mitikitse sovaly iaby iereo iaby.[24]Handietse anao amity fiasa mpialia, naho amity kelese naho kodia, vaho
amity vahoake maro bey iereo. Hampipoke ampibga bevata, ampinga kele, vaho sarondoha handietse anareo
amity magnodidy egne iereo. Hameako hirike hagnafaiza anao iereo, kea hagnafay anao amy satane reo. [25]Fa
hanoeko amignareo eo ty sia ty hasarontam-piaro, kea hamango anao amity siake. Handily ty orognao naho ty
sofignao iereo, vaho ho mate ty mesobey ty sisa velo aminao. Halae gniereo ty anagnao lahy naho ty
anak'ampelagnao, vaho ho rava ty afo sisa velo aminao.[26]Hangalake sikinao reo iereo vaho hangalake ty ravako
iaby. [27]Kea hagnafake ty fivarotategna mahamegnanao aminao naho ty fivarotategna nao amity tane Egypta ao
raho. Tsy hagnandrandra ty masognao ampagniria amy gniereo agne riha, vaho tsy handineke ty amy Egypta
sasy.'[28]Fa izao ro tsarae ty Tompo Yave: 'Ingo! Hameako antagna reo ze malay anao riha, mihere antagna reo ze fa
nialagnao. [29]Hamango anao malalake vatane iereo; hangalake ty hanagnanao iaby naho hagnega anao tsy antsiky
naho tsy mikapa iereo. Habaribary ty hegnatse ty tsy fisiky ty fivarotantegna nao, le fitondrategna
mahamegnanao reo naho ty firiorio gnao.[30]Zaka reo le hatao aminao amity fanovagnao manahake ty
mpivarotegna, fila tamy firene ze nahavy anao haloto tamy aoline reo. [31]Nandeha tamity lala ty rahavavegnao
riha, kea hanoeko antagnanao eo ty kapoa ty fagnafaiza aze.'[32]Ezao ro tsarae ty Tompo Yaveh: 'Hino ty kapoa ty
rahavegnao laleke naho bevata riha. Hatao iereo fihehea naho zaka mampihehe riha-feno ze kapoake zay.[33]Ho
lako hamamo naho alahelo ndriha, le ty kapoa ty tahotse naho handrobake; ty kapoa Samaria rahavavegnao.
[34]Hino izay riha ka handany izay; le hamotepoteke izay riha kea handriatse ty tragnonao amy potene reo. Fa fa
nitalily izay raho-izay ro fitalilia gn'Yaveh Tompo.'[35]Kea, izao ro tsarae ty Tompo Yaveh: satria fa nagnaligno ahy
naho nagnary ahy tagnivoagnao eo riha, le hanahake izay kea ro hikizahagnao ty voka ty fivarontategna
mahamegnanao naho ty fivarotantegnanao."[36]Hoe ty Yaveh tamiko: "Nareo anagnodaty, hitsara andre Ohola naho
Oholiba vao riha ao? Kea aseho iereo vaho ty fomba mampangoryne, [37]satria fa nivarotegna iereo, vaho satria
misy lio ty antane eto. Nivarotegna tamy aoline reo iereo, vaho nandefa ty anake lahy tagnate afo ao aza iereo, ho

hane ho ahy aoline reo.[38]Le nanohy nanao izay tamiko iereo: Nandoto ty fitobohako masy iereo, vaho tamy gnize
andro zay avao ro nandotoane ty Sabatako. [39]Fa lahafa namono anane reo ho ahy aoly reo iereo, le niavy tamity
fitobohako masy tamy ze andro zay avao soa handoto izay! Kea ingo! Izay ro nanoe gniereo tamiko tagnivoa ty
tragnokoeo.[40]Nandefa lahilahy baka lavitse riha, le izay nandefesa mpinday hafatse reo-ingo te amizao. Avy
vatane iereo, reo nandrognao, nandokoagnao ty masognao, naho nisikinanao ravake ty vatagnao. [41]Teo ro
nipetraha gnao tamity fandrea soa naho tan databatse vita lamy tagnoloa gnize nampipohagnao ty linten ketae
magniko naho ty diloiloko.[42]Kea nagnodidy aze ty kora ty vahoake: nama izay ty karazan dahilahy iaby; ndra le
Sabeana aza le nindese bakamity tane efetse iaby, ka nasia gniereo haba ty tagnane vaho satronkasy soa vataney
ty lohane.[43]Le nivola ty amine ze lavo ty firioriova raho tihoe: 'Ho varontegna amy iereo tehenane, vaho ire amy
gniereo reo.' [44]Nimbamine mbeo iereo ka niharo firoro tamine manahake ty lahilahy militse hiarake amity
mpamarobata. Izay ro niharoa iereo firoro niarake tamy Ohala naho Oholiba, ampela valagnatreke. [45]Nefa ty
ndaty mare hitsara naho hagnafay iereo manahake ty ampela makorele, ka hagnafay iereo amity fagnafaiza ho
ahy reo ze nampipo dio, satria ampela makorele iereo sady antagna gniereo eo ty lio.[46]Kea Izao ro tsarae gny
Tompo Yaveh: Hananga vahoake maro handietse iereo naho hagnomey iereo ho mpampatahotse naho robahe
raho. [47]Vaho ze vahoake zay le hitorabato iereo naho handily iereo amity mesobey. Hamono anake lahy nareo reo
naho anak'ampela gnareo reo ka hagnoro ty tragno gniereo.[48]Fa hagnafake ty findaisam-bata mahamegna
gniereo amity tane raho vaho hagnanatse ty ampela iaby tsy hivarotegna sasy. [49]Kea hatobone amignareo ty
findaisan bata mahamegna nareo. Hi Hibabe ty hadisoane ty hadisoagnareo tamy aolingnareo reo nareo, vaho
izay ro hahaiagnareo fa iraho ro Tompo Yaveh."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 24

[1]Niavy tamiko ty tsara Yaveh tamity tao fahasive, tamity vola fahafolo, naho tamity andro fahavalo ty vola, nanao tihoe: [2]Nareo anagnodaty, sorato ho ahy ty vatagnareo ty agnara ty andro toy, ty andro mare toy, fa tamity andro mare toy ro nanova ty mpanjaka Babylona resake ani Jerosalema.[3]Kea mivolagna ohabola mandietse ty foko mpivory toy, fagnohara raike. Volagno amy gniereo tihoe: " Ezao ro tsarae ty Tompo Yaveh: Atoboho ivelagne fiketrehay. Atoboho zay vaho isio rano ty agnatene ao. [4]Mamoria vongan kane agnate gnizay ao, vongane soa iaby- ty fene naho ty sorone-vaho Feno ahy taola soa vatane reo zay. [5]Alao ze soa vatane amy agnodry reo vaho tohofo ambane gnizay ao taola reo. Indeso amity fiagna boribory zay vaho ketreho agnate gnizay ao taola reo. [6]Naho izay le zao ro tsarae ty Tompo Yaveh: Loza ho ahy ty tana ty lio, velagne fandrahoa harefese ty agnatene ao vaho tsy ho afake harefese zay. Alao tsikelekele zay, fa ko hanova filoka.[7]Fa ty lione le agnivoane eo. Natobone tambone vatobey malama eo zay; tsy nararane tamity tane eo ho feno lemboke zay, [8]kea nagnakatse siake ho amity valefate mare zay. Natoboko tamity vatobey malama eo ty lione soa tsy voatako.[9]Naho izay, ty Tompo Yaveh le mivola izao: Loza ho ahy itanay ty lio. Hagnampe ty hetae avao kea raho. [10]Atohofo ty hetae vaho areheto ty afo. Ketseho soa ty hane vaho aharo hagnitse reo vaho engaho ho may taola reo.[11]Bakeo anovo tsy misy ndra ino ndra ino ambone afo eo ivelagney, mba hampafana naho handoro ty varahine, le hifangaro ty loto agnatene ao, ho rava ty harafesene. '[12]Lasa retake naho ty fijanognane re, fa ty harefesene le tsy niala tamine tamity afo.[13]Ty findaisam-batagnareo mahamegnatse le amity halotoagnao ao, satria nagnaligno anao raho, kanefa tsy mboe nagnalio riha. Tsy mboe ho afake amity halotoagnareo Riha Mandra mpijanogna ty siako aminao.[14]rIraho, Yaveh, le nitalily izay, vaho ho anoeko zay. Tsy hijano raho na hiferegnay. Manahake lalagnareo reo, naho manahake asagnareo reo, le hitsara anareo regne! - izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh."[15]Bakeo niavy tamiko ty tsara Yaveh, nanao tihoe: [16]"Nareo anagnodaty! Ingo, afahako aminao amity arete mandany ty fagniria ty masognao, kanefa ao riha tsy handala na hitagny, vaho ao tsy hikororoke ty ranomasognao. [17]Ao hihovetse raike riha. Ko manao fandevegna ho ahy ty mate. Fehezo ty hamamanao vaho asio kapa ty tombognao, fa ko saroma lamba ty volombavagnao na mihina ty mofo ty ndaty mandala naho ty hatsobo ty valy gniereo riha."[18]Kea mirehake amity ndaty raho ty mare, sad mate ty valiko te hariva. Ty maray raho le manao ze nandilia ahy ho anoe.[19]Nagnotane ahy ty vahoake tihoe: "tsy hirehake aminay ty dika o rahao vao riha, ty raha ze anao?"[20] Kea hoe raho tamy iareo tihoe: "Avy amako ty saontsy Yaveh, nanao tihoe: [21]" Rehafo amity tarana Ysraely, zao ro saontsy Yaveh: Ingo! hosimbasimbaeko ty toeramasy -ty rehareha ty herinareo, ty sitra ty masognareo, naho ty fagniria ty fagnahinareo, sady ho tonta amity mesa ty ananao lahy naho ty anakampelanareo ze nienganareo.[22]Sady hanao mitovy manahake ty nanoeko nareo: tsy hagnetake ty volombavanareo nareo, na hihina ty mofo ty ndaty![23] Ho andohanareo ty satronareo sady ty hanagnareo ho antombognareo, tsy handala nareo na hitagny, fa hitretraky amity helognareo nareo, sady ty ndaty kirairaike hisento amity rahalahine.[24] Kea ho famantara ho anareo ty Ezekiela, sady ze raraha nanoene ro hanoenareo naho fa avy zay. Bakeo le ho fantagnareo fa iraho ro Tompo, Yaveh!'"[25]"Fa iriha, ry anaondaty, amity andro nahazoako ty tempoly iareo, ze hafalea iareo, rehereha iareo, naho ze hisa iareo naho ariane - sady naho aleoko ty anane lahy naho ampela - [26]amy ze andro zay le hisy mpiala tane misy hoavy aminao hagnomey anao vaovao![27]Amy andro zay le hisokatse amize mpiala tane misy zay ty vavanareo sady hirehake riha - tsy hobangy sasy riha. Ho famantara hoe iareo riha ho hay iareo fa iraho ro Yaveh."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 25

[1]Vaho avy amako ty saontsy Yaveh, nanao tihoe [2]: ''Ry anaondaty, atiliho amity vahoake Amonita ty vatagnareo
sady mitokia mandietse iareo.[3]Rehafo amity vahoake Amonita tihoe: janogno ty saontsy Tompo Yaveh: zao ro
saontsy Tompo Yaveh naho iriha nirehake tihoe: ''Hia!'' tamity toerako masy ty nanimbasimba iareo zay sady
nanolotse ty tane Israely laha lao zay, sady nandietse ty foko i Joda naho ninjare sesintane iareo,[4]lehy izay, Ingo,
ameako ho ahy ty vahoake antignana ho fanagna iareo riha. Hagnore toby handietse anao iareo vaho hagnore ty
lay iareo aminao.Ho hay iareo ty vokanao, sady hinome iareo ty ranonao.[5]Hanoeko fihinam-pitea ty rameva i
raba sady ty vahoa Amonita ho baibo ty agnondry aman'ose. Vaho le ho hainao fa i raho ro Yaveh.[6]Fa ty Tompo
Yaveh misaontsy ezao: "nitehatehan-tagna naho nitilitili-tomboke riha,sady nifalefale amity fagnamavoa iaby
aminao handiera ty tane Israely.[7]Naho izay, Ingo! hagnisy anao amity tagnako raho, sady hagnome anao ho mamy
ty firene! Ho tavaneko riha, le ho fantagnao fa iraho ro Yaveh.[8]Ty Tompo Yaveh misaontsy zao: satria ty Moaba
naho Seira nivola tihoe: "Ingo! ty foko i Joda le manahake ty firene hafa iaby".[9]Naho zay, Ingo! ho hane ty fehe
ndre Moaba, manomboke eo amy reo tanane eo amity fare-tane -ty hasoa i Beti-jesimota, Bala-meona, vaho i
Kiriataima-[10]mbagne amity vahoake bakane antignana ze nandietse ty vahoake Amonita. Hafoeko manahake ty
fanagna iareo tsy ho tsiaro eo amy reo firene ty vahoake Amonita. [11]Kea hanao fitsara mandietse andre Moaba
raho,vaho ho hae iareo fa iraho ro Yaveh.'[12]Ty Tompo Yaveh misaontsy ezao: "Edoma le namale fate handietse ty
foko ndre Joda vaho nanao raty tamity nanaova izay.[13]Lehe izay,ty Tompo Yaveh misaontsy tihoe: Hamango andre
Edoma amity fitako raho vaho handripake ty ndaty iaby naho ty biby ao.Hanoeko toera rava, nafoe, hatragne
Temana ka hatragne Dedana reo.Ho tontan-meso iareo.[14]Hanoeko amy Edoma eo ty valefateko amity alala ty
tagna Israely vahoako, vaho hoanoe iareo amy Edoma arake ty siako naho ty heloky,vaho ho hay iareo ty
valefateko-ezay ro fitalilia i Tompo Yaveh.'[15]Ty Tompo Yaveh misaontsy zao: 'reo Filistina le namale fate tamity
lolom-po vaho tagnate iareo ao le niezake nandrava andre joda avao. [16]Kea ezao ro fitalilia ty TompoYaveh: Ingo!
Hanondrotse ty tagnako amy reo Filistina reo raho, vaho ho lanieko ty Keretita vaho ho ravako ze sisa tavela
atsisin-driake egne. [17]Fa hanao famaleam-bey handietse iareo raho amity helo ty asa fagnampaliloa, mba ho hay
iareo fa iraho ro Yaveh,laha fa mamale fate iareo raho.'''



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 26

[1]Vaho tamity tao faha faharaikambiny folo, tamity andro voaloha ty volagne, le avy tamako ty safa Yaveh, nanao
tihoe: [2]"Ty ana ondaty,satria Tyro nivola nandietse ani Jerosalema tihoe: 'Hia! Poteke vavahady nondaty reo!
Niala tamiko re; le ho feno raho satria rava re.'[3]Lehe izay i Tompo Yaveh misaontsy zao: 'Ingo! Mandietse anao
raho, Tyro, vaho hananga firene maro handietse anao raho manahake ty riake manonga ty onjane. [4]Hhanimba
reo fahe ndre Tyro iareo vaho handrobake reo tilikambo. Ho fafako hisintake reo vovony vaho hanao ze
manahake ty vatobey mangalihaly raho.[5]Hanahake ty pilasy fanorahan-karato agnivoa ndriake eo re, fa iraho ro
nitalily izay-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh-vaho hindrare ondevo ho ahy reo firene re. [6]Reo anan-kampelany ze
an-baibo le ho vonoe amity meso, vaho ho hay iareo fa iraho ro Yaveh.'[7]Fa izao ro talily Yaveh: Ingo, bakagne
avaratre ro hindaisako andre Nebokadnezera mpanjaka, handietse andre Tyro, miarake amy reo sovaly naho reo
kalesa, vaho miarake amity mpijo tsovaly naho vahoake maro bey. [8]Hamono reo anan-kapelanao an-baibo agne
re. Hananga tovon-tane naho hamboatre fagnaniha amy reo fahenao eo vaho hananga ampinga handietse anao
re.[9]Hatobone hamango reo fahenao reo ambem - by fandrodahane, vaho reo fitaovane ro handrodaha reo
tilikambonao.[10]Ho maro vatane reo sovaline ka handrakoke anao ty vovone. Reo fahenao le hihozongozo amity
feo ty mpitongoa-tsovaly,tobile, vaho sarete.Laha fa militse ty vavahadinao re, le hilitse manahake ty ndaty ze avy
ao amity tana ze fa nipotehe reo fahene.[11]Reo kitron-tsovaly le handialia reo lalanao iaby. Ho vonoe amity meso
reo ndaty vaho reo ambem-bato mafenao le hitonta amity tane.[12]Hondevo iareo ty hanagnanao vaho ho ravane
reo entam-baronao. Hosimbaine reo fahenao vaho ho potehene reo alonao soa. Reo vatonao, hetaenao, vaho ty
lemboke le ho aria iareo an-drano agne. [13]Hajanoko ty feo ty antsa nao. [14]Hanoeko vatolampy mangaihay riha,
hinjare pilasy fanorahan-karato riha. Tsy hantsanga sasy riha, fa iraho, Tompo Yaveh ro fa nivola-izay ro fitalilia
ty Tompo Yaveh.[15]Nisafa tamy Tyro ty Tompo Yaveh: 'Tsy hatahotse vao reo nosy amity feo ty fahasimbanao, naho
amity fisento reo fere laha agnivoa nao eo ty famonoa mamparikoriko? [16]Vaho reo andian-dahy ty riake iaby le
hisintake amy reo seza fiambenane vaho hagnafake ty sikine iareo ka hagnega reo sikine misy petakofehe
gniareo. Hhagnafy ty vata gniareo amity fangitikitiha iareo, hitoboke amity tane eo vaho ho tohana noho ty
aminao iareo.[17]Hhanondrotre fitagnia ho anao iareo vaho hivola aminao tihoe: Amity fomba manao akore, iriha
ze nitoboha reo tantsabo, ro nahapoteke anao. Iaze tana malazay ze tena natanjaka-lasa an-driake agne zay te
henane. Iereo ze nitoboke tamity henane ao le magnaparitake horohoro mikasike iareo amize iaby nitoboke
tagnila iareo eo.[18]Amizao reo sisin-driake le mangitikitake amity andro fahasimbanao. Reo nosy an-driake agne le
matahotse,satria mate riha.'[19]Fa ty Tompo Yaveh misafa izao: Laha fa hanoeko tana lao riha, manahake reo tana
hafa ze tsy misy mitoboke,lahafa manboatse ty laleke handietse anao raho,ka laha mandrakoke anao ty rano bey,
[20]le hidenseko mizotso amy reo vahoake taloha riha, manahake reo hafa ze nizotso tagne an-davake; fa hanoeko
mitoboke agne amy reo faritse farane ambane ty tane riha manahake ty rava tamy reo fotoa taloha. Lehe izay le
tsy hihere sasy riha vaho tsy hitsanga amity tane ty velo.[21] Hanoeko aminao eo ty loza, vaho tsy hisy sasy riha
zisikagne-zay ro fitalilia ty Tompo Yaveh."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 27

[1]Niavy tamiko ndraiky ty safa Yaveh, nanao tihoe: [2]"Sady iriha,ty anan'ondaty,manomboha antsa fisaora mikasike
andre Tyro, [3]vaho volano amy Tyro,zay mitoboke agnate reo vavahady ty riake, mpandrato ho ahy ty vahoake
agne amity nosy maro, ty Tompo Yaveh misafa izao aminao: Tyro, fa nivola riha tihoe: 'Iraho le tanterake amity
hasoan-tarehe.'[4]Ty fare-tanenao le egne amity arofo ty riakegne; reo mpamboatse anao fa nahasoa ty hasoanao.
[5]Nanoe iareo tamity kipreso bakagne amity lengom-bohitse Hermona ty hetae pisanao iaby; nagalake sedera
bakagne Libanona iareo hanova ambe-tsambo ho anao.[6]Ty fivoenao le nanoe iareo tamity hetae terebinta i
Basana; hetae kipreso bakagne Kipra ro nanaova iareo ty tokotanem-tsambonao, sady nipotehene ivoara reo.
[7]Niloko rongony foty bakagne Egypte ze manahake reo fanevanao ty andromba nao![8]Iereo ze nitoboke tagne
Sidona naho Arvada ro mpivoinao; iareo reo ro mpinday anao. [9]Mpanao asa tagna tsy zaka vatane bakagne
Byblosy ro ho mpanentse-tsambonao; reo sambo iaby an-driake naho reo tantsambone aminao eo le ninday ty
entem-baronao ho amity takalo.[10]Persia, Lydia, vaho Libya le tamity toropenao, ajahy mpialinao. Namonje apinga
naho fognon-doha taminao ao iereo; nanoro ty famirapiratanao iareo. [11]Reo ajahy ndre Arvada naho Helaka
tamity miaramila nao ao ro teo amity rindrignao magnodidignanao, vaho ty vahoa i Gamada ro tao amy reo
tilikambonao. Nagnato ty ampingagniareo tamity rindrinao nagnodidy anao iereo! Nameno ty hasoanao rey.
[12]Tarsisy le ragnetse mpandranto niarake taminao noho ty hamaro ty hanagnanao havily: volafoty,vy,fanitso,
naho firake. Nivily naho namarotse ty entagnao iareo! [13]Javana, Tobala, naho Meseka-nanakalo ndevo naho fiasa
vita amity varahy iareo. Nitanjake ty entam-baronao iareo.[14]Bet-togarma ro nagnomey sovaly, sovaly finjogna,
vaho amponga ho entam-barognao. [15]Reo ajahy ndre Dedana ro mpandratonao erake ty morondriake maro.
Entam-barotse ro tatagnanao eo; nampipoly tandroke,ivoara, vaho hetae mainte iareo ho raketse![16]Syria ro
mpandrato tamity vokanao maro; nagnomey emeralda, volomparasy, lamba miloko, lamba madineke, perla,
vaho vatosoa ho entam-baronao iareo. [17]Joda naho ty tane Israely le nanakalo niarake taminao. Nagnomey vare
bakagne Minita iareo, mofomamy, tantele, diloilo, vaho balsama ho entam-baronao. [18]Damaskosy le mpandranto
reo vokanao iaby, reo hanagnanao bevata iaby, vaho ty divay ty Helbona naho ty volon'agnondry foty ndre
Zahara.[19]Dana naho Javana bakagne Ozla nagnomey anao entam-barotse vy vita tefe, kanelina, vaho
veromagnitse. Izay le ninjare entam-barotse ho anao. [20]Dedana le mpandrantonao amity lamba fatao lambam-
tsovaly. [21]Arabia naho reo mpifehe andre Kedera iaby ro mpandranto niarake taminao; nagnomey anao
anak'agnodry, agnondry lahy vaho ose iareo.[22]Iereo mpandranto andre Seba naho re Rama le avy mba hivarotre
aminao ty zaka magnitse vatane naho karazam-batosoa sarobily; namarotre volamena ho ahy ty entam-baronao
iareo. [23]Harana, Kane, vaho Edena ro mpanakalo niarake taminao, niarake tamy Seba, Arona, naho Kilmada.
[24]Iareo iaby ro mpandranto nisiky siky vita amity lamba volom-parasy marevake, naho lamba firakoke miloko
sambe hafa, natao peteakofehe, vaho lamba soa tenoke tamy reo tsenanao. [25]Reo sambo ndre Tarisy ro mpitao ty
entam-baronao! ka le feno riha, entam-mavesatre agnivoa ndriake egne![26]Nindesy reo mpivoinao tagne amy reo
riake mivalampatse riha; ty tio-tionke tatignana ro namoteke anao tagnivoa agne rey. [27]Ty hanagnanao,entem-
barotse, naho fiasa atakalo; reo tantsambo naho reo mpinday sambonao, naho reo antsam-bo; reo mpandranto ty
entam-baronao naho reo ajahy mpialinao iaby ze aminao ao, naho ty tarinao iaby-hilenteke agne amity laleke ty
riake ireo rey amity andro ty fahasimba.[28]Hangitakitake amity feo ty tagny reo mpinday sambonao reo tana an-
driake ao; [29]Reo iaby mitanjake fivoy le hizotso bakegne amity sambo gniareo; hitsanga an-tane egne reo
tantsambo naho reo mpinday sambo iaby egne amity riake. [30]Baka ampinjanjigna eo riha ty feo gniareo ka
hibababababa mafe; hamory lemboke an-doha gniareo eo iareo. hiodikodike amity lavenoke eo iareo[31]Hanaratre ty
lohane ho sola ho anao iareo ka hamehe ty vatane amity lamba fandala, vaho hitagny mafe aminao eo iareo vaho
hikiakiake mafe. [32]Hanondrotse ty babababam-pitoreova ho anao naho hiantsa fandala aminao eo iareo, ia ro
mitovy amy ndre Tyro, ze fa nandese ho amy ty fitsigna egne agnivoam-driake te henane?[33]Lahafa nandeha
tantane egne bakagne an-driake ty entam-baronao, le nahafapo ndaty maro zay; nampanankanagna reo
mpanjaka ty tane amity habey ty hanagnanao naho ty entam-baronao riha![34]Feie laha fa nipotepotehe ty riake,
naho ty rano laleke riha, le nilenteke ty enta-baronao naho reo tantsambonao iaby! [35]Rikoriko taminao reo ndaty
ty moron-driake iaby, vaho miholoboro ty horohoro reo mpanjane! Natahotse ty tarehe gniareo! [36]Mifioke anao
reo mpandranto ty vahoake; ninjare horohoro riha, vaho tsy ho zisikamparane sasy."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 28

[1]Le niavy amiko ty saontsay Yaveh,manao tihoe: [2]Ty ana gnondaty, volano amity mpanjaka Tyro tihoe: 'Ezao ro
safa ty Tompo Yaveh: Miavognavo ty arofonao! Hoe riha tihoe: "andrianagnahare raho! Hitoboke eo amity seza
iareo andrianagnahare eo agnivoa ty riake raho!'' Na le ndaty aza riha fa tsy andrianagnahare, le manao ty
arofonao hanahake ty arofo ty zagnahare riha; [3]mihevetse riha fa hendre toy izay Daniela, vaho tsy misy sekire
mahavere anao![4]Nampanankanagna ty vatanao tamity fahendrea naho fahaia manao riha, vaho nahazo
volamena naho volafoty tao amity fagnajan-drakenao! [5]Tamity fahendrea naho tamity varonao, le nampitombo
ty fanagnanao riha, kale miavognavo ty arofonao naho reo hanagnanao.[6]Naho izay, ty Tompo Yaveh misafa ezao;
"Satria nanao ty arofonao hanahake ty arofo ty Zagnahare riha, [7]le hinday vahiny handietse anao raho, ajahy
mangorohoro baka amireo firene hafa. Hinday reo mesone hamango ty hasoa ty fahendreanao iareo, vaho tsy
hagnamasy ty famirapiratanao.[8]Handefa anao hizotso agne amity lavake iareo, vaho ho mate amity havilasy reo
ze mate agne agnivoa ty riake riha. [9]Feie vao hivola ty mare riha tihoe: " andrianagnahare raho" amity tarehe reo
ze namono anao? Ndaty riha fa tsy zagnahare, vaho ho eo an-tana ze mitomboke anao riha. [10]Ho mate manahake
ty havilasy ty tsy vita tampake amity alala ty tagna reo ambahiny riha, fa nitalily izay raho-ezay ro fitalilia ty
Tompo Yaveh.''"[11]Niavy amiko ndraike ty saontsy Yaveh, manao tihoe: [12]"Ty ana gnondaty, manondrotse antsa
fandala ho ahy ty mpanjaka i Tyro vaho volano amiko tihoe: 'Ty Tompo Yaveh misafa ezao: iriha ty ohatse ty
fagnatanteraha, feno fahendrea vaho tsiririe aman-kasoan-tarehe. [13]Tao Edena, iaze baibo n'agnaharey riha.
Mandrakoke anao ty vato sarobily iaby: robina, topazy, emeralde, krysolita, onyksa, jaspy, safira, karneola, vaho
ty beryla. Vita amity volamena reo pilasinao naho reo lengombohitse. Tamity andro namorogna anao ro fa
nagnomana izay[14]Nampitoboke anao tambone ty lengo-bohitse masy Nagnahare manahake iaze Kerobimay
voafily hiambe ty ndaty raho. Tagnivoa reo vato mirehetre ze handehananao riha. [15]Nana tsy fivaliha tamy reo
lalanao riha nanomboke tamy ty andro ze namorogna anao ka zisikamity nahisaha ty tsy rarene taminao ao.
[16]Tamity alala reo varotse bevata le ninjare feno heriloha riha, vaho avy amizay le nandiso riha. Ka nariako hiala
amity lengobohy Nagnahare riha, manahake ty raike ze voaloto, vaho nipoteheko riha, ty mpiambe Kerobima,
vaho nindeseko bakamy reo vato mirehetre riha. [17]Niavognavo ty fonao niarake tamity hasoanao; nanimba ty
fahendreanao riha noho ty famirapiratanao. Nandefa hizotso amity tane raho. Nampitoboke anao ho eo agnoloa
reo mpanjaka raho mba hahafaha gniareo mahisake anao.[18]Naho reo hadisoanao maro bey naho reo rarahanao
tsy mare, le nandoto reo fitobohanao masy riha. Kale nagnakatse afo vy aminao raho; handrava anao zay.
Hamalike anao ho lavenoke amaso reo iaby ze magnete anao eo raho. [19]Iareo iaby ze mahay anao tamity vahoake
le hangitikitike aminao; hatahotse iareo, vaho tsy ho zisikamparane sasy riha.'"[20]Vaho niavy tamiko ty safa Yaveh,
manao tihoe; [21]"Ty ana gnondaty, atoliho agne amy Sidona agne ty tarehenareo vaho mitokia mandietse aze.
[22]Mivolagna tihoe: ''Ty Tompo Yaveh misafa ezao: Ingo! Mandietse anao raho, vaho Sidona! Fa homean-kasy
agnivoa nao eo raho ka ho hay ty vahoanao fa iraho ro Yaveh lahafa magnatanterake ty fitsara aminao raho.
Haseho ho masy aminao eo raho.[23]Hagnakatse arete mandripake aminao raho naho lio egne amy reo lalanao
raho, vaho ty fate le hintonta agnivoanao eo. Lahafa ho avy handietse anao bakagne amity magnodidy iaby ty
meso, le ho hainao fa iraho ro Yaveh. [24]Le tsy hisy arete mamparare naho fatike mampanaintay ho ahy ty foko
Israely sasy bakamy reo iaby ze magnodidy aze ka manao tsisy dikae ty vahoane, ka le ho hay iareo fa iraho ro
Tompo Yaveh!'[25]Hoe ty Tompo Yaveh tihoe: 'Lahafa mamory ty foko Israely bakamy ty vahoake tamy ze nagneleza
iareo raho, vaho lahafa voatoka amy iareo eo raho, mba hahafaha reo firene mahisake, le hanao reo fitoboha
iareo ao amity tane ze nameako andre Jakoba mpiasako iareo. [26]Le hiay am-pilamina amine ao iareo vaho
hananga tragno, hanao reo tanem-boaloboke, vaho hiay ampilamina lahafa magnatantarerake fitsara amy reo
iaby ze baka amity magnodidy nanao tsinotsino iareo; ka ho hay iareo fa iraho ro Yaveh Zagnahare iareo!'"

Chapter 29

[1]Tamity ty tao fahafolo,tamity vola fahafolo tamity fotoa faharoe ambiny folo ty vola, le niavy tamiko ty safa
Yaveh, nanao tihoe: [2]"Ty ana gnondaty, ampifagnatreho amy ndre Farao, iaze mpanjaka i Egyptay ty tarehenao;
mitokia mandietse aze naho mandiera ani Egypta iaby. [3]Talilio vaho volagno tihoe: 'Ezao ro safa ty Tompo Yaveh:
Ingo! Mandietse anao raho, Farao, mpamjaka i Egypta. Iriha, iaze biby masiake bevatay ze mivony agnivoa ty
renerano eo, ze manao tihoe: "Ahy ty reneranoko. Nanoeko ho ahy ty vatako zay."[4]Haisako vaitse ty valagnoranao,
vaho ty fia ty Neily le handiteke amity kiranao; hampiboaheko bakeo agnivoa ty reneranonao miarake amity fia
ty reneranonao ze manditeke amity kiranao riha. [5]Hatorako agnefetre agne riha, iriha naho ty fia iaby bakao
amity renerano. Hotonta amity baibo ao riha; tsy ho avory riha na hampiakare. Hameako ho hane ho ahy reo
zaka managnay ty tane naho ho ahy reo voro ty lagnitre riha.[6]Bakeo amity ndaty i Egypta iaby hahay fa iraho ro
Yaveh, satria tefa taho-bolotara ho ahy ty foko Israely iareo. [7]Lahafa nandrambe anao tantagnane egne iareo, le
tapake riha vaho nisokafenao ty soro gniareo; vaho lahafa nifikitse taminao iareo, le tapake riha, vaho
nampihozongozo ty tombo gniareo riha.[8]Naho izay le zao ro talilie ty Tompo Yaveh: Ingo! Hinday meso hamangoa
anao raho. Hanampake ty ndaty naho ty bibily aminao eo raho. [9]Kale ho lao naho rava ty tane Egypta. Bakeo le ho
hay iareo fa iraho ro Yaveh, tefa iaze dragona bevatay nisafa tihoe: "Ahy ty renerano, tefa iraho ro nanao izay."
[10]Lehe izay, Ingo! Mandietse anao raho naho ty renerano raho, ka ho ravaeko naho tsisy ty tane Egypta, vaho ho
tane tsisy bakagne Migdola ka hatragne Syera vaho zisikamy ty sisi ty Kosy riha.[11]Tsy hisy tombo gnondaty
hindeha amy zay, vaho tsy hisy tombo na bibily handeha amy zay. Tsy hisy ndaty zisike ty efa-polo tao zay. [12]Fa
hanoeko rava agnivoa reo tane tsy misy ndaty eo ty tane Egypta, vaho reo tanene agnivoa reo tana avao le ho
faharava zisike ty efa-polo tao; bakao Egypte haparitako eo amy reo firene, vaho haeleko Feno tane reo iereo.[13]Fa
izao ro fitalilia Tompo Yaveh: Lahafa fa afake efa- polo tao le havoriko iaby amy reo vahoake eo amy reo ze
niparitaha iareo ty Egyptiana. [14]Hahereko reo hanagna iEgypta vaho hahereko agne amity misy Patrosa, iaze tane
niaviane reo. Bakeo le ho fanjaka ambane iareo agne[15]Ho ambane vatane amy reo fanjaka izay, vaho tsy ho
asondrotro eo amy reo firene sasy. Ho hakelezeko iareo ka tsy hanampake amy reo firene eo sasy. [16]Tsy ho anto ty
toky reo foko Israely sasy reo Egyptiana. Fa kea, ho fampahatiahiva ty hadisoa ze nanoe Israely lahafa nitolike
tamy Egypta mba hila fagnampea iareo. Bakeo le ho hay iareo fa iraho ro Tompo Yaveh."[17]Tamity ty tao fahafito
amby ropolo tamity andro voaloha t volagne voalohane, le niavy tamiko ty safa Yaveh, nanao tihoe: [18]"Ty ana
nondaty, Nebokadnezera iaze mpanjaka ty Babylonay le nagnakatse ty miaramialane mba mba hanao asa mafe
mandietse andre Tyro. Sola iaby ty loha iaby, vaho niendake ty soroke iaby. Nefa reke naho ty miaramilane le tsy
nandrambe karama bakamy Tyro tamity asa mafe ze nanoena nagnisiane izay.[19]Naho izay le izao ro talilie ty
Tompo Yaveh: 'Ingo! Hameako andre Nebokadnezara mpanjaka i Babylona iaze taney, vaho halaine ty hanagna
izay, ho ndevozene ty fanagnane, vaho halaine ze iaby hisane ao; izay ro ho karama reo miaramilana. [20]Fa
nomeko azy ho karama tamity asa ze nanoe iareo ho ahy ty tane Egypte-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh.[21]Amy ze
andro zay le hampitimoke tandroke ho ahy ty foko Isrely raho, kea ho hay iareo fa iraho ro Yaveh."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 30

[1]Sady niavy amiko ty saontsy Yaveh, manao tihoe; [2]"Ty ana gnondaty, mitokia ka volagno tihoe: 'Ezao ro safagne
ty Tompo Yaveh: Mitatatata tihoe: "Loza ty andro ho avy." [3]Marikitse ty andro. marikitse ty andro ho ahy Yaveh.
Ho andro magniboke zay, fotoa ty fiafara ho ahy reo firene.[4]Le hisy meso ho avy handietse ani Egypte, vaho hisy
fangirifiria tiao kosy lahafa miampatre agne Egypte ty vahoake mate-lahafa mangalake ty hanagnane iareo, vaho
lahafa simba ty fotone. [5]Kosy, Lybia, naho Lydia, vaho reo vahiny iaby, miarake amity vahoake ty fagnekea-ho
tonta-meso iaby iereo iaby.[6]Ezao ro safagne yaveh:Lehe izay reo ze manoha ani Egypte le ho tonta, vaho ty
avognavo ty herene le hiegne.Zisikagne Migdona ka hatragne Syena ro hahatonta reo miaramila amity meso -izay
ro fitalilia Tompo Yaveh. [7]Hamparikoriko agnivoa ty tane nafoe eo iareo, vaho reo tanane le ho eo amy reo tana
poteke iaby.[8]Le ho fanta iareo fa iraho ro Yaveh, laha hagnoro ani Egypte raho, vaho lahafa ripake reo mpiasa ho
aze iaby. [9]Amize andro zay le hisy irake hiboake boakagnoloako eo amity sambo mba hangorohoro ty fiaro i Kosy,
vaho hisy fangirifiria amy iareo eo amity andro fiafaran-draty i Egypta. Fa ingo! Avy zay.[10]Ezao ro safagne i
Tompo Yaveh: Hagnisy fiafara ty fahamaroa i Egypta amity tana i Nebokadnezara, mpanjaka i Babylona raho.
[11]Reke naho ty miaramilane miarake amine, ty fampitahora amy reo firene, ro ho indese handrava ty tane;
hampitsoake ty mesone handietse ani Egypta vaho hameno ty tane amity fate ty ndaty iareo.[12]Hamalike ty
renerano ho tane maike raho, vaho hivarotse ty tane an-tagna ty ndaty raty fagnahy eo. Amity alala ty tagna ty
rafe ro hanaovako ty tane naho ty fahafenoane ho rava-Iraho, Yaveh, ro fa nisafa.[13]Ezao ro safagne i Tompo
Yaveh: Hamoteke reo sampy raho, vaho hinday fiafara amy reo sampy tsy fagneva i Memfisa. Tsy hisy roandria
sasy ty amity tane Egypta, vaho hampipoke fampihorohoroa eo amity tane Egypta raho. [14]Le hanoeko lao ty
Patrosa vaho ho roako ty Zoana, vaho handily fitsara amy No raho.[15]Fa hamitse ty heloke amy Sina, iaze fiarova
mafe agne Egyptay, vaho handily ty maro agne No raho. [16]Le hagnoro ani Egypta raho; harare mafe ty Sina, ho
rava ty No, vaho hiatreke rafe isan'andro ty Memfisy.[17]Ty ajahy agne Avena naho Pisbesets le ho tonta ty meso,
vaho reo tanane le hizare ndevo. [18]Agne Tapanesa, le hitanjake ty hazavane ty andro lahafa mamoteke ty ziogany
Egypta ao raho, vaho ho tampetre ty avognavo ty herene. Hisy raho handrakoke aze, vaho reo anakampelane le
hinjare ndevo. [19]Handily fitsara Egypta ao raho,le ho hay iareo fa iraho ro Yaveh.'"[20]Vaho tamity tao faha
raikambin'ny folo, tamity vola voalohane,tamity andro faha fito ty vola, le niavy tamiko ty safa Yaveh, manoa
tihoe: [21]"Ty ana gnondaty, fa nanampake ty sandry i Farao, mpanjaka Egypta raho. Ingo! Tsy nifognosa zay,na
nisitragne tamity famehea, mba hampatanjake soa izay mba hitan-meso.[22]Kale izao ro talilie i Tompo yaveh:
'Ingo!. handietse andre Farao, mpanjaka i Egypta raho.Fa hanapake ty vatane raho, iaze matanjake naho iaze
tapake, vaho handatsake ty meso an-tagnane egne. [23]Haparitako eo amy reo firene i Egypta vaho haeleko eo am ty
tane iareo. [24]Hamafiseko reo vata ty mpanjaka i Babylona vaho hampitoboke ty mesoko amity tagnane eo raho
mba hahafahako manampake reo vata ndre Farao. Hisento agnoloa ty mpanjaka i Babylona eo amity fisento ty
ndaty ho mate reke.[25]Fa hagnatanjake ty sandry ty mpanjaka i Babylona raho, laha mboe hiraviravy ty tagna ty
Farao. Le ho hay iareo fa iraho ro Yaveh, lahafa mampipoke ty mesoko amity tagna ty mpanjaka Babylona eo
raho; fa hanafike ty tane i Egypta amy zay reke. [26]Kale haeleko amy reo firene i Egypta eo vaho haparitako feno ty
tane iareo. Le ho hay iareo fa iraho ro Yaveh.'"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 31

[1]Vaho tamy ty tao faharaikambin'ny folo,tamity vola fahatelo, tamity andro voaloha ty vola, le niavy tamiko ty
safa Yaveh, nanao tihoe: [2]"Ty ana gnondaty, volano amy Farao, vaho amity vahoakene iaby magnodidy aze tihoe:
'Ao amity fahabeazanao, manahake ania riha?[3]Ingo! Asyria le sedera nisy jeba soa tarehe tao Libanona,
nagnomey alokalo ho ahy ty ala, vaho ty jebane nagnanike ty raho. [4]Rano maro ro nahalava izay; ty rano laleke ro
nahabevata izay. Nikoriake nagnodidy ty faretse iaby nisy aze ty renerano, satria ty lakan-dranone le nivelatse
tamity hetae iaby tan-baibo ao.[5]Ty hahabone le nihoatse naho ty hetae hafa iaby tan-baibo agne, vaho ty jebane le
ninjare maro vatane; niha-lava ty jebane naho reo rano maro laha nagniry igne iareo. [6]Nanao ty akane tamity
jebane ty voro ty lagnitse iaby, laha niterake ty anane tam-bane ty ravene ty zaka managnay iaby tam-baibo ao.
Nitoboke tambane ty alo ty firene maro iaby. [7]Fa soa tarehe zay tao amity fahabeizane naho ty halava ty jebane,
satria tao amity rano maro ty vahane.[8]Tsy afa nitaha tamy zay reo sedera tamity baibo Nagnahare ao. Tsy nisy
tamy reo kypreso ro mitovy tamity sampane, vaho ty hetae platana tsy nitaha tamity ravene.Tsy nisy hetae hafa
tamity baibo Nagnahare ao ze nitovy tamy zay tamity hasoane. [9]Nanoeko soa tarehe tamity sampane maro zay
vaho ty hetae i Edena iaby ze tao amity baibo Nagnahare le nialo izay.[10]Naho izay le izao ro safa i Tompo Yaveh:
Satria lava tamity haabone re, vaho tagnelagnela ty sampane ro natobone ty tendrone, nanondrotse ty arofone
zay noho ty haabone. [11]Nameako tatagna iaze raike mahere gniareo firene re, mba hifampiraharaha amy zay
arake ze sahaza ty haratiane. Fa nariako tagne ambalike zay.[12]Iareo vahiny ze horohoro ty firene iaby ro
nanampake aze ka nagnega aze ho mate. Nitonta tam-bohitse eo naho reo loha-baibo iaby ty sampane, vaho reo
ravene le lasa potepoteke ao amity riake ty tane iaby. Le niboake bakao ambane ty alone ty firene iaby tan-tane
eto vaho niala lavitre zay.[13]Ty voro ty lagnitre iaby le nijano teo amity vata iaze hetae nitonta, vaho ty biby iaby
tan-babo ao le nimbeo amity sanpane. [14]Niseho zay mba tsy hisy hetae hafa hitiry ty agnila ty rano ka hananga ty
ravene zisikegne amity haabo ty hetae abo vatane, vaho mba tsy hisy hetae hafa hitiry ty agnila ty rano ka
hahatratre ze haabo zay. Fa voafily ho amity havilasy iaby iereo iaby, ho agne ambane tane, eo amy reo ana
gnondaty, miarake amy reo ze mizotso an-davake agne.[15]Ezao ro safagne i Tompo yaveh: tamity andro ze nizotsoa
iaze sederay tagne amity fiaigna tsy hisake le ninday fandala tan-tane eto raho.Natakoko tambone izay eo ty rano
laleke, vaho nahemoko ty rano ty riake bey. Nisakaneko ty rano bey, vaho ninday fandala tamity Libanona eo ho
aze raho. Ka le nandala ty hetae ty baibo iaby naho izay.[16]Ninday tahotse tamy reo firene tamity feo ty fitontane
raho, lahafa natorako tagne amity fiagna tsy hisake niarake tamy reo ze nizotso tan-davake agne reke. Kale
nampahere ty hetae i Edena iaby tagne amity fagnambanea ty tane raho. Irey ro hetae voafily naho soa vatane
andre Libanona; le reo hetae ze nino ty rano.[17]Fa nizotso tagne amity fiaigna tsy hisake niarake tamy zay avai kea
reo, ho agne amy reo ze mate ty meso, Irey ty vata ty mahery, reo firene ze nitoboke tamity alokalone, [18]Ia tamy
reo hetae ta Edenao ro mitovy aminao amity hasy naho habevata? Fa hazera miarake amy reo hetae i Edena ho
agne amity fagnambanea ty tane eo amy reo tsy vita tampake riha; hiay manahake reo ze mate ty meso riha.'
Farao naho ty vahoakene iaby zay-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh.''


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 32

[1]Tamity vola faharoe ambin'ny folo ty tao faharoe ambin'ny folo, tamity voaloha ty vola, le niavy tamiko ty safa
Yaveh, nanao tihoe; [2]"Ty ana gnondaty, manondrota fandala mikasike andre Farao iaze mpanjaka ty Egyptay;
volagno amine tihoe: 'Manhake ty liona anane eo amy reo firene riha, feie manahake ty biby masiake an-driake;
mijoboke agnate ty rano ao riha, vaho magnakobakoba ty rano amity tombonao ka mandoto ty rano iareo.[3]Ezao
ro safagne ty Tompo yaveh: kea le hanjotso ty haratoko aminao ao eo amy reo fivoria ty vahoake maro raho, vaho
hagnakatse anao amity haratoko iareo. [4]Hagnega anao amy taney eo raho. Hatorako am-baibo agne riha vaho
havoriko aminao eo reo voro ty lagnitse iaby; ho vintsy milempolempo aminao ty hakere reo biby velo amity tane
iaby.[5]Fa hagnega ty nofonao ambohitseo eo raho, vaho ho fenoeko ty fahalova ty fatenao reo baibo. [6]Vaho
handrarake ty lionao mameno ty vohitse raho, vaho ho feno ty lionao ty fandrean-drano.[7]Vaho lahafa hamono
anao raho, la handrakoke ty lagnitse naho hagnaieke ty kinta gniareo; ho rakofeko raho ty masoandro, vaho tsy
hamirapiratse amity hazane ty vola. [8]Hagnaieke ty famirapirata iaby ty lagnitre aminareo eo raho, vaho
handrakoke ieke amity tanegnareo eo-izay ro fitalilia Yaveh.[9]Kea hampitahotse ty fo ty vahoake maro ao amity
tane ze tsy hainao raho, lahafa marine hinday havoaza ho anao eo amy reo firene, eo amy reo tane ze tsy mboe
hainao raho. [10]Hagnameloke vahoake maro mikasike anao raho; hatahotse ty horohoro mikasike anao reo
mpanjaka iareo lahafa mampintsinjake ty mesoko agnoloa gniareo eo raho. Hatahotse naho iriha amity fotoa
iaby ty kirairaike, amiy andro ty faharavanao.[11]Fa izao ro safagne ty Tompo Yaveh: hoavy handietse anao ty meso
ty mpanjaka i Babylona. [12]Hanoeko rava ty meso reo mpialy reo vahoake maronao-mpialy sambe horohoro
gniareo firene. Iareo mpialy reo le handroba ty avognavo i Egypta naho hamoteke reo vahoane maro.[13]Fa
hamoteke ty biby fihare iaby bakeo agnila reo rano maro le maro raho; tsy hagnakobakoba ty rano sasy ty tombo
ty ndaty, na hijabake reo ty kitro ty biby fihare. [14]Bakeo le hampitsahatse reo ranone naho hampiria reo rano
manahake ty menake raho-izay ro fitalilia Yaveh.[15]Lahafa manao ty tane Egypte ho tana ntaolo raho, lahafa
lahafa sakana amity fahafenoane iaby ty tane, lahafa manafike ty ndaty iaby amine ao raho, le ho hay iareo fa
iraho ro Yaveh. [16]Hisy fandala magnera iareo anakampela ty firene; handala magnera ty ani Egypte iareo, eo amy
reo vahoane maro iaby ro handala iareo-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh.'"[17]Tamity tao faharoe ambiny folo,
tamity andro fahadime ambiny folo ty vola, le niavy tamiko ty safa i Yaveh, nanao tihoe: [18]"Ty ana gnondaty,
mitagnia ho ahy reo vahoake maro i Egypta vaho azotso iareo-ireke vaho reo anakampela gniareo firene bevata-
ho agne amity tane ambane vatane miarake amy reo ze nizotso an-davake ao.[19]'Soa vatane naho ty ndaty hafa
vatane vao rie rihao? Mizotsoa vaho miampara miarake amy reo tsy vitan-tampake.' [20]Ho tonta eo amy reo ze
mate ty meso iareo. Fa vita oritre ty meso! Fa nomea ty meso re; hanambotre aze naho reo vahoakene maro
iareo. [21]Hitalily mikasike i Egypta naho reo mpagnoridia amine reo mpialy mafe vatane tihoe: 'Fa nizotso teto
iareo! Hiampatre miarake amy reo ze mate ty meso iareo.'[22]Asyria naho reo fiangonane iaby le ao. Magnodidy aze
ty kiborine; iareo iaby le mate tama-meso. [23]Iereo ze mana kibory miore eo amity fangalan-tioke ty lavake le ao,
miarake amy reo fiangonane iaby.Kibory gniareo reo le magnodidy reo ze mate, ze tonta ty meso, reo ze ninday
horohoro tamity tane ty velo.[24]Elamao miarake amy reo vahoane maro iaby. Magnodidy aze ty kiborine; mate
iaby iareo iaby. Iareo ze tonta ty meso, ze tafizotso tsy vita tampake agne amity fagnambanea ty tane, ze ninday
ty horohoro gniareo teo amity tane ty velo naho minday ty fahafaham-barakane avao, miarake amy reo mizotso
an-davake ao. [25]Nampikoke kitapo firoroa ho ahy Elama naho reo vahoane maro iaby agnivoa ty fateo iareo;
magnodidy aze ty kiborine, satria ninday ty taho gniareo teoamy iaze tane ty veloy iareo. Kea le minday ty
fahafahambarakane iareo, miarake amireo mizotso an-davake eo amy reo ze fa mate, reo ze mizotso an-davake.
Elama le nama reo iaby ze mate.[26]Meseka, Tobala, naho reo vahoane maro iaby le tao! Magnodidy iareo ty
kiborine. Iareo iaby le sambe tsy voa tampake iaby, mate ty meso, satria ninday ty fampihorohorone tamity tane
ty velo iareo. [27]Tsy miara-miampatse amy reo mpialy tsy voa-tampake tontaze nizotso tagne amity fiagna tsy
hisake miarake amy reo fiasam-pialia, vaho miarake amireo mesonee atoboke eo ambane ty loha gniareo naho
reo hadisoane eo amity taola gniareo. Fa iareo ro mpampitahotse ty mpialy tao amity tane ty velo.[28]Kea laha izay
riha, ty Egypta, le ho poteke agnivoa reo tsy voa-tampake eo!Hiampatre magnorike reo ze voatombo ty meso riha.
[29]Ao ty Edoma naho reo mapajakane vaho reo mpitarine. Fa voatoboke ao amity tanjane miarake amy reo mate ty
meso iareo. Miara-mivalampatse amy reo tsy voa-tampake iareo, miarake amy reo ze nizotso tan-davake agne.
[30]Iereo roandria ty avaratse le ao-iareo iaby miarake amy reo Sidoniana iaby ze nizotso niarake tamy reo zefa
voan-tomboke. Nimafe vaho nampatahotse ty hafa iareo, fa agnate ty hegnatse iareo ty amizao, tsy voa-tampake
miarake amireo ze voatombo ty meso. Minday ty fahafahambarakane iareo, miarake amy reo ze nizotso tan-
davake agne.[31]Hanente ty Farao vaho ho ampahereze ty amy reo vahoane maro iaby ze voatombo ty meso-Farao


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

naho reo miaramilane iaby-izay ro fitalilia Tompo Yaveh. [32]Natoboko ho mpampatahoko eo amity tane ty velo
reke, kanefa hiampatse agnivoa iareo tsy voatombo ty meso-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 33

[1]Le niavy tamiko ty safa i Yaveh, nanao tihoe: [2]"Ty ana gnondaty, talilio amity vahoanao zao; volgno amiareo
tihoe: 'Lahafa minday meso handietse ty tane iaby raho, le hangaleke ndaty raike amy iareo ty ndaty ze tane zay
ka hanao aze ho mpitily ho ahy iareo. [3]Magnete ty meso fa tamy eo amity tane reke, vaho mitioeke ty anjomarane
mba hampitandre ty vahoake! [4]Laha mahare ty feo ty anjomara ty ndaty nefa ty mitandre, vaho laha avy ka
mamono iareo ty meso, le ho an-doha ty kiraidraikeo avao ty lione.[5]Laha misy ndaty mijy ty feo ty anjomara ka
tsy miambe, le ho eo amity lione; fa laha miambe re, le hahavonje ty aine. [6]Na izay aza, laha hisa ty mpitily fa
tamy ty meso, nefa laha tsy mitioke t anjomara re, vaho ty vokane le tsy nampiambena ty ndaty, vaho laha avy ty
meso ka mangalake ty fiay gnondaty, le mate ty hadisoane avao ze ndaty zay, fa hagnotaneako amy iaze mpitily ty
lione.'[7]Vaho iriha, ty ana gnondaty! Fa nanoeko mpily ho ahy ty foko Israely riha; hijy reo vola baka amity
fitavako riha ka hampitandre iareo amity agnarako. [8]Laha misafa amity raty fagnahy raho tihoe: 'Ty raty fagnahy,
ho mate vatane riha!' kanefa laha tsy mitalily izay na mampiambe ty raty fagnahy ty amity fanaone riha, le ho
mate ty hadisoane reke ze raty fagnahy, kanefa ho takeko amity tagnanao ty lione! [9]Kanefa riha, laha
mampiambe ty raty fagnahy ty amity fanaone, mba hialane amy zay, vaho laha tsy miala amity fanaone reke, le
ho mate ty hadisoane reke, fa iriha hahavonje ty fianao.[10]Vaho iriha, ty ana gnondaty, volagno amity foko Israely
tihoe: 'Ezao ro volagnenareo: "Ty helognay naho ty hadisoanay le aminay eo, vaho simba ireo zahay! Hanao
akore va rie ty hahavelo anay?"'' [11]Volagno amy iareotihoe: 'Laha mboe velo kea raho-izay ro fitalilia ty Tompo
Yaveh-le tsy magneke ty fahafateza ty raty fagnahy raho, fa laha miveoke amity fanaone ty raty fagnahy, le ho
velo reke! Mifona! amity fomba ratinareo! Fa nanao akore ro tokone ho mate nareo, ty foko Israely?'[12]Kea amizao
riha, ty ana gnondaty, volagno amity vahoanao tihoe: 'Ty fahitia ty ndaty marene le tsy haganvotse aze laha
mandiso reke! Ty faharatia ty raty fagnahy tsy hamono aze laha mifogne amity hadisoane reke! Fa tsy afake hiay
naho ty fahitiany ty ndaty marene laha mandiso reke. [13]Laha mivola amity marene raho tihoe: "'Ho velo vatane
reke!"' vaho laha mitoky amity fahitiane reke ka le manao ty tsy rarene, le tsy hahatiaro ze fahatiane raho. Ho
mate ty haratia nanoene reke.[14]Kea laha mivola amity raty fagnahy raho tihoe: " Ho mate vatane riha", nefa laha
mifona hiala amy reo hadisoane naho manao ze marene naho mahity reke-[15]laha mampipoly ty antoke ty
findramam- bola ze nangatahine tamam- paharatia reke, vaho laha mampipoly ze nangalarine reke, vaho laha
mandeha amy reo lily ze minday fiagna ka tsy mandiso sasy-le ho velo vatane reke. Tsy ho mate reke. [16]Tsy misy
ho tiahive reo hadisoa ze nanoene. Fa nanao ty marene naho mahity reke, ka naho izay, le ho velo vatane reke!
[17]Nefa hoe ty vahoakenao: "Tsy rarene ty findaisa ty Tompo!" kanefa ty fombagnareo ro tsy rarene! [18]Laha miala
amity fahamarenane ka mandiso ty ndaty mare, le ho mate izay reke! [19]Laha miala amity faharatiane ty raty
fagnahy ka manao ze mahity naho marene, le ho velo naho reo zaka reo reke! [20]Nefa inareo vahoake manao
tihoe: "Tsy rarene ty findaisa ty Tompo!"Hitsara ty kiraidraike aminareo arake ty lalane iaby raho, ty foko
Israely!'"[21]Vaho tamity tao faharoe ambiny folo, tamity andro fahadime ty vola fahafolo ty fahandevozantika, ro
nisy mpiala tane niavy tamiko eo baka Jerosalema ao ka nanao tihoe: "Ndevo i tana ay!" [22]Tamiko eo ty hariva
aloha ty niavia iaze mpiala taney ty tagna Yaveh, vaho ty vavako le nisokatre tamity andro ze niaviane tamiko eo
tamity mazavatignana. Kea le nivoha ty vavako; tsy moa sasy raho![23]Le niavy tamiko ty safa Yaveh, nanao tihoe:
[24]"Ty ana gnondaty, reo mitoboke amy reo rava ao amity tane Israely le mivola ka manao tihoe: 'Ndaty raike avao
Abrahama, vaho nandova i taney reke, kanefa maro tika! Namea an-tika mba ho fanagna i taney.[25]Naho izay
volagno amy iareo tihoe: 'Izao ro safagne i Tompo Yaveh: Mihinan-dio nareo, vaho magnonjo ty masonareo agne
amy reo mbiasa nareo, bakeo le nandrarake lio gnondaty nareo. Tokone hana ty tane vatane vao nareo? [26]Fa
nianky tamy reo mesonareo nareo vaho fa nanao zaka mamparikoriko; ty ajahy kiraidraike le mandoto ty valy ty
mpiara-belo amine. Tokone hahazo ty vatane vao nareo?[27]Izao ro ho safagnenao amy iareo: 'Izao ro safagne i
Tompo Yaveh: laha velo kea raho, le ho tonta-meso marene vatane reo ndaty ao amy reo rava, vaho reo ze am-
baibo agne le hameako ho ahy reo zaka-managnay ho hane, vaho reo ze ao amity fiarova mafe naho an-davam-
bato agne le ho mate ty arete-mandripake. [28]Le havaliko ho lao naho horohoro ty tane, vaho ho tampetse ty
avognavo ty hery izay, fa ho bey reo vohy Israely, ka tsy hisy na ia na ia handrio amy reo eo.'[29]Le ho hay iareo fa
iraho ro Yaveh, lahafa manao ty tane ho alo naho horohoro naho ty falotoa iaby nanoe iareo raho.[30]Kea amizao
riha, ty ana gnondaty-ty vahoanao le mivola zaka mikasike anao agnila reo fahetse naho reo vavahady ty tragno,
vaho ty kiraidraike mifampivola-ty kiraidraike amity rahalahine tihoe: 'Ndao tika handaha vaho hijano ty safa ty
mpitokine ze boake amy Yaveh! [31]Kea le ho avy aminao eo ty vahoako, manhake ty fanoene mateteke, ka hitoboke
agnilanao eo vaho hijanjy reo volanao, nefa tsy hangneke irey iareo. Reo vola marene ro am-bava gniareo eo,
nefa ty fone le magnorike tombone tsy ara-drarene.[32]Fa manhake ty antsa soa hoahy iareo riha, feo soa ze

nitendre soa tamity lokanga, kea le hinjanjy reo safanao iareo, nefa tsy hisy amy iareo hagneke izay. [33]Kea lahafa miseho ze iaby zay-ingo! hiseho zay!-le ho hay iareo fa nisy mpitoky tamine eo."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 34

[1]Le tonga de niavy tamiko ty safa i Yaveh, manao tihoe: [2]"Ty ana gnondaty, mitokia mandiera reo mpiarak'
agnondry Israely. Mitokia vaho volagno iareo tihoe: 'Izao ro safagne i Tompo Yaveh amy reo mpiarak' agnondry:
Loza ho ahy reo mpiarake agnondry Israely ze miambe ty tegna iareo avao. Feie vao tsy tokone hiarake ty
agnondry aman'ose ty mpiarak' agnondry? [3]Mihinana ty antsasa ty vondrake riha vaho misiky volo nagnondry.
Mamono ty vondra ty agnondry riha. Iriha aminio tsy mba miarak' agnondry.[4]Tsy nagnamafe reo ze mana
gnarete riha, na nagnasitra iareo ze marare. Tsy mampitohy reo ze tampake riha, vaho tsy mampipoly ze
voaroake na mila ty tsobo. Fa kea, mandily amy iereo amity alala ty here naho hereloha riha. [5]Bakeo le niparitake
tsy nisy mpiarake iareo, vaho ninjare hane ho ahy ty bibily an-baibo egne, tafara ty nampiparitaha iareo.
[6]Niriorio tegne amity vohitse iaby naho ty haboa iaby ty agnondriko, vaho voaparitake nameno ty tane zay. Nefa
tsy mboe misy ndaty mila ireo.[7]Naho izay,ty mpiarak'agnondry, jigno ty safa Yaveh: [8]Laha mboe velo kea raho-izay
ro fitalilia ty Tompo Yaveh-satria minjare ndevo naho hane ho ahy ty bibily iaby an-baibo egne ty agnodriko,
satria tsy nisy mpiarak'agnondry vaho tsy nisy tamy reo mpiarak'agnodriko nila ty agnodriko, fa niambe ty vatane
avao reo mpiarak'agnondry fa tsy niambe ty agnodriko.[9]Naho izay, ty mpiarake agnondry, njanogno ty safa i
Yaveh: [10]Tompo Yaveh misafa izao: Ingo! mandietse reo mpiarak'agnondry raho, vaho hitake ty agnodriko an-
tagna iareo eo raho. Bakeo le ho roaheko amity fiambena ty agnondry iareo; na ty mpiarak'agnondry aza le tsy
hiambe ty fiay gniareo sasy satria hangalake reo agnodriko tsy ho amity vava gniareo raho, mba tsy ho hane
iareo sasy ty agnodriko.[11]Fa ty Tompo Yaveh misafa izao: Ingo! Hila ty agnodriko raho vaho hikarakara iereo,
[12]manahake ty mpiarake agnodry mila ty agnodrine amity andro lahafa agnivoa ty agnodrine mipatarike eo raho,
vaho hamonje iareo amity toera iaby ze nagnaparitaha iareo amity andro ty raho naho ty hieke. [13]Bakeo le
hindeseko miboake bakeo amy reo vahoeke iareo; havoriko agne amity tane reo vaho hindeseko agne amity tane
iareo. Hampitoboke iareo egne amity tane nahe-gniareo sisim-bohy Israely, amity renerano, vaho agne amity
fitoboha iaby amity tane ao raho.[14]Hagnenga iareo agne amity ahetse soa raho; ty vohitse abo Israely ro ho
fitoboham-bilone. Hiroro eo amy reo toera soa firaofam-bilo reo, agne amity tane feno ahetse, vaho hivory egne
amity vohy Israely iareo. [15]Iraho mihintsy ro hiarake ty agnondriko, vaho iraho mihintsy ro hampandre iareo-
izay ro fitalilia i Tompo Yaveh- [16]Hila ty tsobo raho vaho hagnere ze niroahe. Hamehe reo agnodry tampake raho
vaho hagnasitra ty agnondry marare fa ty vondrake naho ty mafe le hoaripako. Hiarake agnondry ara-drarene
raho.[17]Kea amizao riha, ty agnodriko-izao ro safagne i Tompo Yaveh-ingo, ho mpitsara eo amity agnodry naho
agondry raho vaho eo amy reo agnodry lahy naho ose lahy. [18]Feie vao tsy ampe hohane ty ahetse soa, ro tsy
maintsy lialianao amity tombonao ty sisa tavela amy iahetsey; vaho ho nome ty rano malio, ro tsy maintsy lotoe
hizare fotake amity tombonao ty renerano? [19]Feie vao ty agnodriko tsy maintsy mihina ze nilialianao tamity
tombonao, vaho mino ze nilotoenao hizare fotake tamity tombonao?[20]Naho izay ty Tompo Yaveh le mivola izao
amy iareo: Ingo iraho mihintsy ro hitsara amy reo agnondry vondrake eo naho reo mahia, [21]Satria nareo fa
nanosetoseke iareo tamity tehezagnareo naho sorognareo, vaho fa nisokirenareo tamity trandrognareo maleme
reo nandra-pagnaparitahagnareo iareo niboake ty tane.[22]Hamonje ty agnodriko raho vaho tsy ho ndevo sasy
iereo, vaho hitsara eo amity agnondry raike naho raike hafa raho! [23]Hametrake mpiarak' agnodry raike amy iareo
eo raho, le Davida mpiasako. Hiambe iareo reke, hagnomey hane iareo, vaho ho mpiambe iareo. [24]Fa iraho,
Yaveh, ho Zagnahare iareo, vaho Davida mpiasako le ho roandria amy iareo eo-Iraho, Yaveh, ro fa nagnambara
izay.[25]Le hanao fagnankeam-pilongoa amy iareo raho vaho hagnafake reo bibily masiake baka amity tane, mba
hahafaha iareo miay am-pilamina agne amity tane efetre vaho hiroro soa vatane agne amy reo ala. [26]Iraho le
hinday fitahia amy iareo naho amy reo toera magnodidy ty haboa-nako, satria handefa ora amity andro
voatondro raho. Ho lera ty fitahia zay. [27]Le hamokatse reo voane ty hetae ty baibo, vaho ty tane le hagnomey alala
ty vokane. Ho voa aro ao amity tane iareo ty agnodriko; le ho hay iareo fa iraho ro Yaveh, lahafa manampake reo
hily ty zioga gniareo raho, naho lahafa magnavotse iareo baka amity tagna gniereo ze nanonta iareo.[28]Tsy ho
ndevo ho ahy reo firene sasy iareo, vaho tsy handrapake iareo sasy reo bibily ambone ty tane. Fa hiay am-
pilamina iareo, vaho tsy hisy na ia na ia hampatahotse iareo. [29]Fa hagnamboatse pilasy fambolea milamy ho ahy
iareo raho mba tsy ho mate ty kere sasy iareo amy taney ao, vaho reo firene tsy hinday fagnaratia amy iareo.[30]Le
ho hay iareo fa iraho, Yaveh Zagnahare iareo, le miarake amy iareo. Iareo ro ndatiko, ty foko Israely-izay ro
fitalilia i Tompo Yaveh. [31]Fa inareo ro agnodriko, agnodry aman'ose ty aheko, vaho ndatiko, vaho Iraho ro
Zagnaharenareo-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh.'"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 35

[1]Vaho niavy tamiko ty safa i Yaveh, manao tihoe: [2]"Ty ana gnondaty, ampagnatreho ty vohy Seira ty vatanao vaho
mitokia mandiera izay. [3]Volagno amy zay tihoe: 'Ingo! Mandietse anao raho, ty Vohitse Seira, vaho hamango anao
amity tagnako raho vaho hanao anao ho lao naho tahotse.[4]Ho anoeko rava reo tanagnareo, vaho inareo le hinjare
faharava, bakeo le ho hay iareo fa iraho ro Yaveh. [5]Satria fahavalo tamity vahoa Israely eo zisikagne nareo, vaho
satria nandefa iareo tan-tagna ty meso nareo tamity andro ty fijalea gniareo, tamity andro ty naha bevata ty sazy
iareo. [6]Naho izay, laha mboe velo kea raho-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh-le hagnoma anareo ho amity
fampipohan-dio raho, vaho hagnenjeke anareo ty fampipohan-dio! Satria tsy niheje nareo ty fampipohan-dio, le
hagnejeke anareo ty fampipohan-dio.[7]Hoanoeko faharava vatane ty vohitse Seira lahafa hangalake baka amizay
ze iaby mandrio eo naho mimpoly amy zay eo raho. [8]Le ho fenoeko amity loha gniareo ty vohy izay. Reo haboa
abonareo naho reo baibo vaho reo loharanognareo iaby-reo ze mate ty meso le hitonta amy reo ao. [9]Ho anoeko
faharava zisikagne nareo. Tsy hisy ndaty reo tanagnareo, fa ho hay nareo fa iraho ro Yaveh.[10]Iriha fa nivola tihoe:
"Reo firene roe reo naho reo tane roe reo le ho ahy, ka hana iareo ho hanagna tika,"na le niarake tamy iareo aza
ty Yaveh. [11]Naho izay, laha mboe velo kea raho-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh-le hanao arake ty siakenao naho
arake ty fialogna ze nanagnanao tamity falaignanao any Israely raho, vaho haneho ty vatako amy iareo raho
lahafa mitsara anao.[12]Ka ho hay nareo fa iaraho ro Yaveh. Fa nahare reo fagnaratia ze nivolagnenareo tamy reo
vohy Israely raho, lahafa nivola nareo tihoe: "Fa rava iareo; fa namea anay teo mba ho arapake iareo." [13]Fa
nanondrotre ty vata gnareo tamiko tamy ze nivolagnenareo nareo, vaho nampitombo reo safa nandieranareo
ahy; vaho reko ze iaby zay.[14]Izao ro safagne i Tompo Yaveh; Ho anoeko rava nareo, laha mboe mifaly ty tane iaby.
[15]Laha mboe mifaly amity lova ty ndaty Israely eo naho ty faharavane nareo, le hoanoeko aminareo kea zay.
Hinjare faharava riha, vaho Vohitse Seira, vaho Edoma iaby-ze iaby zay! Le ho hay gniareo fa iraho ro Yaveh.""


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 36

[1]"Amizao riha, ty ana-gnodaty, mitokia amy reo vohy Israely vaho volagno tihoe: 'Ty vohy Israely, jigno ty safa i
Yaveh. [2]Izao ro safagne Tompo Yaveh: Fa nivola mikasike anareo ty fahavalo tihoe: ''Hia!'' vaho ''Ninjare
hanagnanay reo toera abo taloha.''' [3]Naho izay mitokia vaho volagno tihoe: 'Izao ro safagne ty Tompo Yaveh: Naho
ty fahapoteha gnareo naho ty fanafiha ze avy taminareo eo bakagne amity lafine iaby, le fa ninjare hanagna
gniareo firenen-kafa nareo; fa ninjare foton-kevetse ty sogny vaho ty lela mpagnaratiraty nareo, vaho tantara ty
ndaty.[4]Naho izay, ty vohy Israely, jigno ty safa i Tompo Yaveh: Izao ro safagne i Tompo Yaveh amy reo vohitse
naho reo haboa abo, amy reo baibon- driake naho reo baibo, amy reo ndaty ty fahapoteha naho ty tanan-taolo ze
fa ninjare ndevo naho foton-keve ty fagnaratia ho ahy reo firenen- kafa ze magnodidy gniareo-[5]naho izay ty
Tompo Yaveh le mivola izao: Fa nivola tao amity afom-tsiako mandietse reo firen-kafa vatane raho, mandietse ani
Edoma naho reo iaby ze nangalake ty taneko ho ahy ty vatane ho fanagna, mandietse ze iaby ze sambe nifale
tam-piane naho nanao tsisy dikane tamity fagnahine ao iareo, arake ty nangala iareo ty taneko ze mete hitalilia
iareo ty tane ty ahine ho ahy ty tegna iareo.' [6]Naho izay, mitokia amity tane Israely vaho volagno amy reo vohitse
naho baibo tihoe: Ingo! Agnate ty siako naho ty heloko ro agnambarako izay satria ninday ty fagnaratiaratia ty
firene nareo.[7]Naho izay, izao ro safagne i Tompo Yaveh: Iraho mihintsy ro hanondrotse ty tegnako hifanta fe reo
firene ze magnodidy anareo le hinday ty fahafaham-barakane avao vatane.[8]Fa inareo, ty vohy Israely, hitombo
sampane naho hamokatse ho ahy Israely vahoako nareo, satria hihere aminareo tsy ho ele iareo. [9]Fa ingo,
miarake anareo raho, vaho minday anareo an-kahasitraha; ho volagne naho ho fitseza amity voa nareo.[10]Kea
hampitombo vohi-gnondaty aminareo eo raho ao amity foko Israely iaby, ze iaby zay. Hisy ndaty reo tana vaho
hamboare ndraike reo rava. [11]Hampitombo ty ndaty naho ty bibily aminareo eo raho vaho vohitse mba hitombo
naho hahavokatse iareo. Le hahavy anareo hisy ndaty manahake anareo taloha raho, vaho ho tahieko mihoatse
naho reo vitanareo taloha nareo, hahaianareo fa iraho ro Yaveh. [12]Hinday ndaty raho, Ty Israely vahoako, mba
handeha aminareo eo. Ho fanagna iareo riha, ka ho lovane, vaho tsy hahavy ty ana gniareo ho mate sasy riha.
[13]Izao ro safagne i Tompo Yaveh: Satria iareo mivola aminareo tihoe: "Mandeve ndaty riha, vaho fa mate ty ana ty
firene," [14]naho izay le tsy handeve ndaty sasy nareo, vaho tsy hanao ty firenenareo handala ty havilasia iareo
sasy. Izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh. [15]Na kea hagnega anareo hijy ty fagnaratia ty firene sasy raho; tsy hinday ty
hegna ty ndaty sasy nareo na hahavy ty firene ho tonta-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh.'"[16]Vaho niavy tamiko ty
safa i Yaveh, manao tihoe: [17]Ty ana gnondaty, lahafa nitoboke tamity tane ty foko Israely, le nandoto izay tamy reo
fombane naho reo asane. Ty fomba iareo le manahake ty halotoa ty regila ty ampela agnoloako eo. [18]Kea nararako
tamy iareo eo ty siakeko naho ty lio ze napo gniareo tamity tane naho vaho ty fandotoa iareo izay tamity alala reo
sampine.[19]Naparitako tamy reo firene reo eo iareo; naparitake nameno reo tane iareo. Nitsaraeko arake reo
fombane naho reo asane iareo. [20]Bakeo iareo nimbamy reo firene, vaho na taia na taia nimba iareo, le nagnaraty
ty agnarako masigne iareo lahafa nivola nivola ty amy iareo ty vahoake tihoe: 'Rey vatane vao ro vahoa Yaveh?
Fa fa nandietse ty tanene iareo.' [21]Fa nana fangoraham-po ho ahy ty agnarako masy ze fa nilotoe ty foko Israely
tamity firene raho, laha nandeha tagne iareo.[22]Kea volagno amity foko Israely tihoe: 'Izao ro safagne i Tompo
Yaveh: Tsy manao izay naho ty aminareo raho, vaho foko Israely, fa naho ty agnarako masy, ze fa nilotoenareo
tamy reo firene iaby ze fa nombanareo. [23]Fa hanao ty agnarako bevata ho masy raho, ze fa nilotoenareo tamy reo
firene-tagnivoa reo firene, ro nagnaratianareo izay. Vaho le ho hay ty firene fa iaraho ro Yaveh-izay ro fitalilia ty
Tompo Yaveh-lahafa hisagnareo fa masy raho.[24]Hafahako bakeo amy reo firene nareo vaho havoriko bakagne
amity tane iaby, le hindeseko agne amity tanenareo nareo. [25]Bakeo ho tsipezako rano malio aminareo eo mba ho
lioveko amy reo fahalotoanareo iaby nareo, vaho ho lioveko amity sampinareo iaby nareo.[26]Hameako arofo naho
fagnahy vaovao nareo agnatenareo ao, vaho hafahako amity nofognareo ty arofo vato. Fa hameako arofo nofo
nareo. [27]Hampitoboke ty fagnahiko aminareo eo raho vaho hahavy anareo hagnorike ty liliko naho hiambe ty
liliko, le hoanoenareo reo. [28]Vaho hitoboke ao amity tane ze nameako ty razagnareo nareo; ho vahoako nareo,
vaho Iraho ho Zagnaharenareo[29]Fa ho avotako baka amity fahalotoanareo iaby nareo. Hikaike ty vare naho
hampitombo izay raho. Tsy ho asiako kere sasy aminareo eo. [30]Hampitomboeko ty voa ty hetae naho ty voka ty
baibo mba tsy hinday ty hegna ty kere amy reo firene eo sasy nareo. [31]Le hahatiaro ty fomba ratinareo naho ty
asa ratinareo ze tsy soa nareo, vaho haneho fangorigna amity tarehenareo eo naho reo hadisoanareo naho reo
asa mamparikorikonareo avao nareo.[32]Tsy manao izay naho ty aminareo raho-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh-ao
ho hainareo zay. Naho izay ao ho megnatse naho afa-baraka naho ty fombagnareo nareo, ty foko Israely. [33]Izao ro
safagne ty Tompo Yaveh: Amity andro ze handiovako anareo amity hadisoanareo iaby, le hanoeko toboke amy
reo tana ao nareo vaho hagnamboatse ndraike reo toera rava. [34]Fa hasaenareo ndraiky ty tane rava mandra-
piavia izay ho tsy faharava amasognareo eo iaby ze mandrio sasy.[35]Le hivola iareo tihoe: "Poteke ty tane toy, feie


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

ninjare manahake ty baibo i Edena re; reo tana poteke naho reo rava tsy misy ndaty ze nisimbae le voaaro mafe
sady nitoboha te henane." [36]Bakeo reo firene hafa magnodidy anao le hahay fa iraho ro Yaveh, fa Iraho ro
nananga ty rava naho nampamokatse ndraike reo toera tsisy. Iraho ro Yaveh. Fa nitalilieko zay vaho ho anoeko.
[37]Izao ro safagne ty Tompo Yaveh: Hangatahe gnareo foko Israely ndraike raho tihoe mba hanao ze ho ahy iareo,
mba hampitombo iareo manahake ty andia-gnondaty. [38]Manahake ty agnondry voatoka ho ahy ty soro, manahake
ty agnodry agne jerosalema amity fanasane voatingy, le ho feno andia-gnondaty reo tana rava vaho hay iareo fa
iraho ro Yaveh.'"

## Chapter 37

[1]Tamiko eo ty fita Yaveh, vaho ninday ahy hiboake tamity alala ty fagnahy Yaveh reke vaho nampitoboke ahy
tagnivoa ty baibo eo; feno taola zay. [2]Le nampiodikodihene tamizay eo raho. Ingo! Maro isake tamy iareo ro tegne
am-baibo. Ingo! Maike vatane iareo. [3]Hoe reke tamiko tihoe: "Ty ana gnondaty, afake miagne ndarike vao ty
taolagne toa?" Le hoe raho tihoe: "Ty Tompo Yaveh, Iriha raike avao ro mahafantatse.''[4]Le nivola tamiko reke
tihoe: "Mitokia amy reo taola reo vaho volagno amy iareo tihoe: 'Ty taola-maike. Njigno ty safa i Yaveh. [5]Izao ro
safagne i Tompo Yaveh amy reo taola reo: Ingo! hagnenga fofon'ay aminao raho, vaho ho velo riha. [6]Hagnenga
hozatse magnera anao raho vaho hinday nofo aminao eo. Handrakoke anao amity holitse raho vaho hagnisy
fofognay agnatenao ao mba hiay riha. Le ho hainao fa iraho ro Yaveh.''"[7]Ka le nitoky arake ze nandilia ahy raho;
laha nitoky raho; le ingo, nisy feo niavy, ze mangoviste. Le nifagnato nipiteke reo taola-taola amity taola. [8]Nagnete
raho vaho, ingo, tamy iareo eo ze ozatse zao, vaho nitombo ty nofo ka nandrakoke iareo ty holitse. Fa tsy mboe
nisy fofognay tamy iareo ao.[9]Le nivola tamiko Yaveh tihoe: "Mitokia amity fofognay, mitokia, ty anagnondaty,
vaho mivolagna amity fofognay tihoe: 'Ty Tompo Yaveh mivola izao: Ty fofognay, miavaia bakamy ty tioke efatse,
vaho tiofo reo ze voavono, mba hahafahagniareo miay." [10]Kea nitoky arake ze fa nandilia ahy raho; niavy tamy
iareo ty fofognay vaho velo iareo. Bakeo le tsy nitsanga tamity tombone iareo, ze miaramila bevata.[11]Le nivola
tamiko Yavehtihoe: "Ty anagnodaty, foko Israely iaby reo taola reo. Ingo! Hoe iareo tihoe: 'Nihamaike taolagnay
reo, vaho lasa ty fagnatenanay. Nilanie zahay.' [12]Naho izay le mitokia vaho volagno iareo tohoe: 'Ty Tompo Yaveh
mivola izao: Ingo! Hanokake reo kiborinareo raho vaho hagnakatse anareo hiakatse amy zay ao, ty vahoako.
Hinday anao hihere amity tane Israely raho.[13]Le ho hay nareo fa iaraho ro Yaveh, lahafa manokake ty
kiborignareo naho minday anareo hiboake amy iareo raho, ty vahoako. [14]Hagnenga ty fagnahiko aminareo ao
raho ka ho velo nareo, vaho hampitofa anareo agne amity tanenareo raho lahafa hainareo fa iraho ro
Yaveh.""[15]Le niavy tamiko ty safa i Yaveh, manao tihoe: [16]"Kea amizao riha, ty ana gnondaty, mangala tapan- ketae
raike ho ahy ty vatanao vaho sorato amy zay eo tihoe: 'Ho ahy joda naho ty vahoa Israely, reo ragnene. 'Le
managala tampa-ketae raike hafa vaho sorato amy zay eo tihoe: 'Ho ahy Josefa, ty tampa-ketae ndre Efraima,
vaho ho ahy reo vahoa Israely iaby, reo ragnene.' [17]Indeso hiarake ho tampa-ketae raike ie roe reo, mba hinjare
raike an-tagnanao eo iareo[18]Lahafa mivola aminao reo vahoanao vaho manao tihoe: 'Feie vao tsy hivola aminay
ty dika reo zaka reo vao riha? [19]le volagno amy iareo tihoe: 'Ty Tompo Yaveh misafa ezao: Ingo! Mangalake ty
tampa-ketae ndre Josefa ze eo an-tagna ndre Efraima naho reo foko Israely ragnene raho vaho mampifandray
izay amity tampa-ketae i Joda, mba ho tampa-ketae raike avao iareo, vaho hinjare raike an-tagnako eo iareo.'
[20]Tanjaho an-tagnanao eo reo tampa-ketae ze nisoratenao tamaso iareo eo.[21]Talilio amy iareo tijoe: 'Ty Tompo
Yaveh mivola izao: Ingo! Handeha hangalake reo vahoa Israely bakamy reo firene ze nomba gniareo raho.
Hamory iareo bakamy reo tane magnodidy raho vaho hinday iareo agne amity tanene. [22]Hoanoeko firene raike
agne amy taney iareo, amy reo vohy Israely eo, vaho mpanjaka raike ro ho mpanjaka iareo iaby, vaho tsy ho
firene roe sasy iareo. Tsy hovoazara ho fanjaka roe sasy iareo. [23]Vaho handoto ty tegna iareo amy reo aoline sasy
iareo, reo zavane mampangaroharo, na raike amy reo hadisoane hafa. Fa hamonje iareo amy reo nanoene tsy
am-pinoa ze nandisoane raho, vaho hagnalio iareo, ka ho vahoako iareo vaho iraho ho Zagnaharene[24]Davida
mpanompo ro ho mpanjaka iereo. kea mpiandry raike ty hoe iereo iaby, sady handeha arake ty fitsipiko naho
hitandre ty lalàko sady hanao mare zay ireo. [25]Hipetrake amity tane ze niomeiko i Jakoba mpanompoko iereo, ze
nijanogna iereo razambey nareo. Hipetrake amizay zisike amy farane iereo- ireo, ireo anane, naho ireo
zafekelene, naho te i Davida mpanompoko ro hobey ireo zisike amy farane.[26]Hagnenga fagnekeam-pihavagna
miarake amy iereo Raho. Ho fagnekea zisike amy farane miarake amy iereo zay. Hagnenga iereo Raho naho
hagnamaro iereo, le hagnenga ty toerako masy agnivo iereo zisike amy farane.[27]Ty toeram-pisy Ahy le hiarake
amy iereo, ho Andriagnahare Raho, sady ho vahoako iereo. [28]Le ho fanta iereo fa iraho ro Yaveh ze magnavake
Israely, naho amy iareo zisike amy farane ty toerako masy.'"



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 38

[1]Niavy amako ty saontsy Yaveh nanao tihoe: [2]Ry anagn'ondaty, ampagnatreho i Goga, ty tane i Magoga, ty bey ty roandria i Mesaka naho i Tobala ty vatagnao, sady mampitokia manohetse aze [3]Rehafo tihoe: zao ro saontsy Tompo Yaveh: Ingo! Manohets'anao Raho, ry Goga bey ty Randria i Mesaka naho i tebala.[4]Kea hanoeko miherenkere riha sady hisiako vinta ty valagnoranao, halefako miarake aminao iaby ty tafignao, ty sovale, naho iereo mpijon-tsoavale, iereo manao fiarova iaby, toko bey miarake amity finga bey naho finga kede, manday mesa aby iereo! [5]Persia, kea, naho i Lybia le miarake amiereo, iereo miarake amity ampinga iereo naho ty fiarovandoha iereo! [6]Gomera naho iereo tafine iaby, naho i Beta-togarma, boake amity faritse lavitse boake ahandrefa, naho iereo tafine iaby! Maro amondatio ro miarake amao![7]Mitaoa! rie, omagno ty vatagnao naho ty tafignao miarake aminao, sady ao riha ho mpifehe iereo. [8]Ho voatoka riha afara ty andro maro, sady afake tao tsy ampe riha, le handeha amity tane ze afake amity mesa, naho navory boake amiereo ndaty maro, navory hihere boake amity tendrombohy Israely ze faharava zisike zay. Fa ty tamy iereo vahoake le hafaha boake amiereo vahoake, sady hipetrake tsy amity tahotse iereo, iereo aby![9]Kea hiakatse manahake ty fandeha ty tafion-drivotse riha, hanahake ty raho magnaro ty tane Riha, i Riha naho ty tafignao aby, iereo maramila maro miarake aminao aby.[10]Zao ro saontsie ty Tompo Yaveh: naho ty amy andro zay, le hisy eretseretse hiforo ty ampognao ao, sady hagnevetse tete-draty riha. [11]Le hirehake riha tihoe: ' hiakatse ho amity tane malalake Raho; ho amiereo vahoake mangy mipetrake tsy agnahiahy Raho, le agne amity tsy misy lalan-tanà.[12]Hitsepake ty tea Raho sady hangalatse ty tea, handaisako ty tagnako amiereo tsy misy, ze fa azo hitoboha indraike, le amiereo vahoake navory boake amity firenena, ty vahoake nahazo biby fihare naho fanagna, le iereo mipetrake agnivo ty tane.'[13]Shela naho i Dedana, naho iereo mpivaro i T arsisy miarake amiereo mpialine tanora aby le hirehake aminao tihoe: Avy hotea vao riha? Namory ty tafignao hagnafake ty tsy misy, hangalake volafotsy naho volamena, hanahake ty biby fihare iereo naho ty fanagna sady mba hahazo hatea maro vao riha?'[14]Naho zay mampitokia, ry anaondaty, sady mirehafa amy Boga tihoe: Zao ro saontsy Tompo Yaveh Amy ze andro zay, naho fa mitoboke tsy antahotse ty Israely ndatiko, le tsy hahafantatse ty momba aze vao riha? [15]Ho avy boake amity toeragnao boake lavitse avaratse miarake amity tafike bey Riha iereo aby mijon-tsoavale, antoko bey, tafike bey. [16]Hanafike Israely vahoako manahake ty raho ze manako ty tane Riha amity andro farane le handay anao hanohetse ty tanako Raho, kea tsy mete hahay ahy iereo firenena naho hanoro ty vatako amity alalanao Raho, ry Goga mba homasy amaso, iereo[17]Ezao ty safa i Tompo Yaveh: tsy riha vao iaze raike nirehafeko tamignity andro taloha tamity alala ty tagna iereo ndevoko, iereo mpamisavisa Ysraely, teie namisavisa tamity fotoagniereo arere tagnate ty tao te hinday anao hanohetse iereo raho? [18]Ka le hoavy ty andro hanafiha i Goga ty tane Ysraely - hiakatse amity heloko ty havignirako.[19]Amity zoton'arofo naho amity afo ty heloko, ro hagnambarako fa amize andro zay le hisy horohorontane foloay ty amity tagn'Ysraely. [20]Hiozongozo eto agnoloako iereo- le ty fian-driake naho ty voron-dagnitse, ty bibin'ala naho ty zaka velo iaby ze milaly amity tane, naho ty ndaty iaby ze eto ambone tane. Hitonta reo vohitse naho hikoromake reo lavake, mandram-pitonta reo manda iaby amity tane.[21]Hikaike meso hanohetse anao amity vohiko iaby Raho- izay ty fagnambara Tompo Yaveh ty meso ty ndaty kiraikiraike le hanohetse ty rahalahine [22]Bakeo le hitsara aze amity arete-mandoza naho lio raho; naho ora manafotse naho havandra naho solifara mirehetse ro hapoko ambonene eo naho ty tafine naho ty firenena maro ze miharo amine. [23]Tehanoro ty hafoloaiko naho ty hamasiko raho naho hanoro ty vatako amasogn'ireo firenena lako, ka le hahay iereo fa izaho ro Yaveh.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 39

1 Henanekezao riha, ry Anagn'ondaty, mamisavisa hamofoke i Goga ka lerehafo ty hoe: 'Izao ty safagn'Yaveh
Tompo: Ingo! Manohetse anao raho, ry Goga, ty beigny Mesaka naho Tobala. 2 Hampitolike anao raho le hitarike
anao; hoenteko miboake bakagne avaratse lavitse riha naho enteko agne amity vohits'israely. 3 Le hampialako
bakeo antagnan-kavianao ty lefonao naho le hajoko bake amity tagnanao havana ty folese. 4 Hitonta ho mate amity
vohitse Israely riha-riha naho ty antokonao naho reo miaramila ze miraike aminao. Homeiko ty voro mpihaza
naho ty bibin'ala mba ho sakafone riha. 5 Hitonta ho mate amity baiko riha, te izaho mihintsy ro magnambara zay-
izay ty fagnombara Tompo Yaveh. 6 Handeha afo amign'i Magoga naho ireo ze mitoboke tsy ampisalasala egne
antsitane raho,naho hohaign'iereo fa izaho ro Yaveh. 7 Te le hataoko hay agnivogn'Israely vahoakeko ty agnarako
masy, naho tsy hienga ty agnarako masy ho tsinotsinoe sasy raho; le ho hay ty firenena fa iraho ro Yaveh, iaze
raike masy agne Israely. 8 Ingo! Hoavy ty andro, naho hiseho zay- izay ty fagnambara Tompo Yaveh. 9 yereo ze
mitoboke ao amity tanagn'Israely le hiboake naho hampiasa fialia mba hirehetse ka hahavy afo hagnoro iereo- le
ampinga kele, ampinga bey, lefom-bory, folese, kopikopy naho lefo; handrehetse afo amign'iereo zisike ty fito tao
iereo. 10 tsy hamory ketae bakegne am-baibo iereo ndre le hanampake ketae bakamity ala, satria horoagn'iereo ty
fialia, hangalake amy iereo teie nidineke ty hangalake tamy iereo re; hangalake iereo ze nidineke hangalake iareo
iereo- izay ty fagnombara Tompo Yaveh''. 11 Naho amize andro zay le hamboatse toera hoah'i Goga agne raho
kibory agne Ysraely, baibo hoah'iereo ze mindeha hoagne antignana ty riake. Hita iereo ze mihevetse ty hitsake
zay. Agne ro handevegna iereo i Goga miharo ty vahoakene iaby. Hatao iereo ty hoeke baibo i Hamona Goga zay.
12 Hatramity fito vola le handeve iereo ty fokogn'Israely mba handio ty tane. 13 Satria handeve iereo ty vahoake ty
tane iaby; le hoandro faha tiarova hoahy iereo zay laha fa omean-kasy raho - izay ty fagnombara Tompo Yaveh.
14 Le hanendre ndaty hitsake ty tane zisikagne iereo, mba hahisake ze mindeha nitsake, kane mate le nijano teo
amity fiambonea ty tane ty fatene, mba hiafahagn'iereo mandeve i ndatireo, mba hagnaliova ty tane. Amity fara
ty vola fahafito ro hiatombohagn'iereo ty fiheverane. 15 Laha mandrio ty tane ndaty reo, laha fa mahisake
taolagn'Ondaty iereo, le hagnisy famantara agnilagn'izay eo, zisike ty hiavia ty mpihaly kibory le handevegnizay
egne amity baibo i Hamona Goga . 16 Hisy Tanà arake ty agnara i Hamona agne. Amize fomba zay ro
handiovagniereo ty tane. 17 Naho hoanao, ry Anagn'ondaty, ezao ty safa Tompo: Atalilio amity voro managn'elatse
iaby naho ty bibin'ala agne ambaibo ty hoe: Mivoria raike le mbetoa. Miharoa bakagne amity magnodidy iaby
hoeo amity soro te le izaho vatane ro manao aze hoanao, le sorom-bey amity vohitse Israely eo, mba hiafahanao
mihina mofo naho minon-dio. 18 Ho haignao ty nofogn'iereo roandriandahy ty tane; ho agnondry, anak'agnondry,
Ose lahy, naho agnombe lahy iereo nibojane te tao Basana iereo. 19 Le hihina havondrake riha zisike te riha voky;
hinon-dio riha zisike te riha mamo; izay ty ho vonoeko ho anareo . 20 Ho voky andatabo eo amity soavaly, kalesy,
mpialy naho ty lahilahin'aly iaby nareo- izay ty fagnombara Tompo Yaveh'. 21 Hapetrako amireo firene ty hasiko,
naho hohisa iereo ty fitsarako hataoko naho ty tagnako te napetrako hamofoke iareo. 22 Ho hay ty foko Israely fa
izaho ro Yaveh Zagnahare iereo manomboke amize andro zay zisikagne. 23 Ho hay iereo firene fa ty foko Israely le
hinjare hoazo amity zaka ataogn'iereo te nivadihane ahy, ka le nagnetake ty vatako tamy iereo raho naho
nagnomey iareo hoazo ty fahavalone kaiko mate ty meso iereo aby. 24 Nataoko tamy iereo arake ty falotoane naho
ty hadisoane avao, laha fa nagnetake ty vatako tamy ireo raho. 25 Laha zao le ty hoe ty Tompo Yaveh: henakezao le
hampipoly ty hareagn'i Jakoba raho, naho hiferegnay ty foko Israely iaby, laha fa miasa amin-jotompo naho ty
agnarako masy raho. 26 Le hinday ty hegna iereo naho ty fivaliha iaby ze nivalihane ahiko iereo. Ho haligno iereo
ze iaby zay laha fa mitoboke tsy amim-pisalasala ao amity tanene iereo, tsy misy ndre ia ia magnorohoro iareo.
27 Laha fa mampipoly iareo bake amity vahoake raho naho mamory iareo bakeo amity tane ty fahavalogn'iereo, le
hanoro ty vatako ho masy amaso ty firene maro eo raho. 28 Le ho haign'iereo fa izaho ro Yaveh Zagnahare iereo,
satria nandefa iereo ho azo tamity firene raho, kane bakeo raho hamory iareo hihere agne amity tanene. tsy
nienga na le raike amy iereo eo amity firene raho. 29 Tsy nagnetake ty vatako amy iereo sasy raho laha fa
mandrotso ty fagnahiko amity foko Israely eo- izay ty fagnombara i Tompo " Yaveh ''.

Chapter 40

[1]tamy ty andro roapolo ty nahandevo anay tamy ty voaloha tao tamy ty andro faha folo vola, tamy ty faha folo
efatsamby tao tafara ty nahandevo i tanàgny tamizy andro zay le tamikoeo ty tagna Yaveh, vaho nangalake ahy
tagne reke. [2]Tao agnate ty fahazava bakamin'Andrianagnahare ro nandesane ahy mbamy i tane Israely. Nanday
ahy ho amity fijanogna tagne amity vohitse farane ambone reke; ta timo agne ro nisehoa i tragno bey i
tanagn'ireo.[3]Le nientene tagne reho. Ingo, lahilahy raike ty evene le miendreke varahina. Taly rongony foty naho
volotara fandrefesa ra ta tagnane vaho ny tsanga tamy vavahady i tanagnio eo reke. [4]Nitalily amiko i lahilahy
tihoe: " Nao ro ndaty manetea amity masonao vaho mitsanogna amity sofinao, ka afantoho amize zaka volagneko
aminao eto ty loha ao, safe nentegna toy riha mba hahafako mamorake aze aminao. Aseseo amy hasaveregna
Israely ty raraha-iaby ze ho hisagnao."[5]Nisy rindry namalavala ty fary i fiangonagny. Ty halava i volotara
fandrefesa an-tagna i lahilahie, ene metatse ty halava i metatsy kiraikiraike le metatse raike naho vodivoam-
pelantanana raike, nagnametatse i rindrigny re, Izay le volotora raike vaho volotara raike ty habone. [6]Bakeo le
nandeha agne amity lalagn'i fiangona mitolike mianignana reke. Niakatse tamity ambaratonga izay reke, vaho
nagnametatse i tokonon-dolahy raike volotara ty halalegne. [7]Iefatragno fiambenagny le raike volotara ty halavane
volotara raike ty sakane; misy dime metatse ty agnivo i tragno roe efetse reo eo, raike avao ty lalagny
fiangonagnio, teo agnila i lavaranga i fiangonagnio le volotara raike ty halalegne.[8]Ny metare i lavaranga i lalagny,
volotara raike ty halavane. [9]Nagnametatse i lavaranga i lalagny re, volotora raike ty halalegne. roe metatse i tola
gn'i lalagny ty sakane, i lavaranga i lalagny nanandrife i fiangonagny. [10]Nisy efetragno fiambena telo aminy ty
sisine roe ty lalagne antignana, vaho mitovy ty metatse iareo, mitovy kea ty meta irindry mampisarake iareo.
[11]Bakeo le nagnametatse ty sakane amy fiziliha am'i lalagnieo i lahilahy-folo metatse, vaho nagnametase ty halava
i fidira amy lalagny- folo telo amby metase. [12]Nagnametatse i rindry magnoloa i Efetragnoy reke-metatse raike ty
habone. I efe i tragnoy rey le nirefe ene (06) metatse isan-dafine. [13]Le nandrefe i fidira amy lalambey teo amy tafo
amy i efetragnoy reke-roapolo lime amby metatse, teo amy fidiragn'i efetragnoy voalohane hatra amy ty faharoe.
[14]Laha nibakeo le nimetarene i rindrigne agnivo i tragno fiambenagny eo-enempolo metatse ty halavane, tonga de
nimetarene kea i lavaranga i lalagny. [15]I fidira bakagnoloa i lalagnio hatra amy fara i lavaranga i vavahady raike
hafay le dimapolo metatse. [16]Nisy lafonete nirindry mbamy i efetragno naho mbamy i fiakina gn'ireo era i
lalagn'ireo aby, manahak'izay kea i lavaranga reo, nisy lafonete ty agnatene ao vaho ny tsanga kiraikiraike le
niravaha hetae rofia.[17]Le nandese i lahilahy tagne amy kianja an-tane i fiangona raho, Ingo nisy efetragno,vaho
nisy rare vato tamy i kianja eo rere vato eo. [18]Niakatse mbamy i lalagny i rare vato rey eo vaho ty sakane le nitovy
tamity halavane i lalagne . Zane ro rare vato ambane. [19]Bakeo le nagnametatse ty agnivoeo tagnoloa i
lalagn'ambane zisike agnoloa i lala agnateneagne y i lalahilah, zato metatse i tane an-tignanagny, manahak'izay
kea i tane avaratsy.[20]Nagnametatse ty halavane naho ty saka i lalagn'avaratsy i kianja antaneagneyy reke. [21]Nisy
efetragno telo teo amity lafine roe tamizay lalagn'izay vaho i lalagny naho lavarangay le mitovy metatse amy i
vavahady bey-dimampolo metatse ty fitambara ity halavane, vaho roapolo limeamby metatse ty sakane.[22]i
lafonete reo, lavarangay efitragnoy, hetae rofia le nifagnarake tamy lalagn'atignanagny. fito fito zehe ro miakatse
mbamy zay naho ty lavarangae. [23]Nisy vavahady tamy kianjao ao agnatene ao agnoloa i lala motolike
miagnavaratseo, manahak'izay avao kea ty nisy i lala tamy i an-tignanagny. nagnametatse tamity lalan-draike
hatra amity vavahady raike hafa ilahilahy-zato metatse ty elagnelane.[24]Manondrohy izay le nindese ilahilahy
nimbamity vavahady filira niagnatimo raho, kale nimetatse nitovy tamy vavahady ambaly ty hafa varangara
naho lavarangane. [25]Nisy lafonety nihily tamity filira amity vavahady vaho ty lavarangane le manahake ty tamy
gny ze vavahady zay. Ty vavahady antimo naho ty lavarangane le nimetatse dimanpolo metatse ty halava vaho
dime amby ropolo metatse ty sakane.[26]Nisy zaka fito ro niboake nimbamity vavahady naho ty lavaranga, vaho
nisy sare n'aloalo rofia tamy ie roe tamity rindry. [27]Nisy vavahady tamity malalake agnate ty tane amity sisne
antimo, ka nagnametates tamy gnize vavahady zay kea le zisikamity vavahady filira niagnatimo ilahilahy-zato
metatse ty elagnelane.[28]Bakeo le nindese lahilahy nimbamity malalake agnatene ao nagnarikitse ty lala ty
vavahady antimo raho, nimetantse manahake ty ahy vavahady hafa reo. [29]Efetragno reo, lalane, naho lavaranga
reo nimetatse nitovy tamity ahy vavahady hafa reo; nisy lafonety nagnodidy ilavarangay. Ty vavahady agnatene
naho ty lavarangane le nimentatse dimanpolo metatse ty halavane vaho dime amby ropolo metatse ty zorone.
[30]Nisy lavaranga avao kea nagnodidy ty lala agnatene; dime amby ropolo metatse ty halavane vaho dime metatse
ty zorone. [31]Nisy lavaranga nagnoloa ty malalake ambalike niarake tamity sare nketae rofia tamity rindrine vaho
valo zehe niakatse nimba gnizay mbeo.[32]Vaho le nindese ilahilahy nimbamity tane malalake agnatene
nagnarikitse ty lala antignana raho kale nagnametatse ty vavahady, nana metatse nitovy tamy vavahady hafa
reo. [33]Efetragno reo, rindrine, naho ty lavarangane le nimetatse nitovy tamy vavahady hafa reo, vaho nisy



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

lafonety nagnididy. Ty vavahady agnatene naho ty lavarangane le nimetatse dimampolo metatse ty halavane
vaho dime amby ropolo metatse ty zorone. [34]Ty lavarangane le nagnoloa ty tane malalake ambaline ao; nisy hetae
rofia tamity agnilane roe eo tamy gny zay eo vaho valo zehe ty fiakarane nimbamy gnizay mbeo.[35]Magnarake izay
le nindese ilahilahy nimbamity vavahady avaratse agne raho vaho nimentare zay; nimentatse nitovy tamy
vavahady hafa reo zay. [36]Efetragnone reo, rindrine reo, naho ty lavarangane le nimetatse nitovy tamy vavahady
hafa reo, vaho nisy lafonety nagnodidy. Ty filira amity vavahady naho ty lavarangy le nimentatse dimanpolo
metatse ty halavane vaho dime amby ropolo ty zorone. [37]Ty lavarangane le nagnoloa ty tane malalake ambalikao;
nisy hetae rofia tamity agnilane roe eo vaho valo zehe ty fiakarane nimbamy gnizay mbeo.[38]Nisy efetragno nisy
lavaranga tagnila ty filira amity vavahady agnatene ao iaby. Teo ty nagnomeza gniereo raketse oroa. [39]Nisy
latabatse roe iaby ty agnila ty lavarabga kiraidraike eo, namonoa ty raketse oroa, vaho kea ty raketse naho ty
hadisoa naho ty rake pitoboha.[40]Tagnila ty lala ty tane malalake, miboake mbamity vavahady ta varatse agne, le
nisy latabatse roe. Tamity agnilane eo raike hafa kea le nisy latabatse roe tamity lavaranga ty vavahady. [41]Nisy
latabatse efatse tamity agnilane roe agnila ty vavahady; namonoa gniereo biby tambone latabatse valo reo eo.
[42]Nisy latabatse vato tampake efatse ho ahy ty raketse oroa, ray metatse naho tampane ty halavane, ray metatse
naho sasane, vaho ray metatse ty hahabone. Tamy reo ro nagnega gniereo ty fiasa namea gniereo ty raketse oroa
ho amity soro.[43]Fihatogna jaka roe raike volim-tagna ty halavane ty namehe ty lavaranga magnodidy, vaho ty
nofo raketse reo le natoboke tambone latabatse reo eo.[44]Tagnila ty vavahady agnatene ao, tagnate ty tane
malalake agnatene ao ro nisy ty efetragno mpiantsa reo. Ty raike tamy efetragno reo le tavaratse agne, vaho raike
tantimo agne. [45]Kea le hoe ilahilahy tamiko tihoe: "Ty efetragno magnoloa miagnatimo toy le ho ahy mpisoro ze
mandily antempoly ao reo.[46]Iefetragno mitolike miagnavaratsey kea leho ahy mpisoro mandily tamity alitara ao
reo. Reo le anake lahy ndre Zadoka magnato marikitse ani Yaveh hanompo aze; iereo le nama gnanake lahy ndre
Levy reo." [47]Bakeo re nagnametatse ty tane malalake-zato metatse ty halavane vaho zato metatse ty zorone
amanefa joro,niarake tamity alitara tagnola itragnoy eo.[48]Bakeo nindese liahilahy nimbamity lavaranga ty tragno
agne raho kale nimentare ty tolahan dala gnizay-dime metatse ty agnilane ty hateve reo. Ty filirane le efatse
ambine folo metatse ty zorone, vaho rindrine reo isan dafene gny zay le telo mentatse ty zorone. [49]Ty halava ty
lavarangane le ropolo metatse, vaho ty halalene le raike aminy folo metatse. Nisy ana tohatse niakatse amy
gnizay agne vaho vaho tohatse nitsanga tamity ilane roe eo zay.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 41

[1]Bakeo ilahilahy ninday ahy ho amity pilasy masy gny tempoly vaho nagnametatse tolahandala reo-ene mentatse
ty zorone amity lafene iaby. [2]Ty zoro gny tolahan dalay le folo metatse; dime metatse ty halava ty rindry
kiraidraike iaby. Bakeo ilahilahy nagnametatse ty meta ipilasy masy-efapolo metatse ty halavane vaho ropolo
metatse ty zorone.[3]Bakeo ilahilahy nandeha tamy pilasy masy vataney agne vaho nagnametatse ty tolahan dala-
roe metatse, vaho ene metse ty saka gny lalay. Fito metatse ty saka ty rindry amity lafine iaby. [4]Bakeo
nagnametatse ty halava ifetsey re-ropolo metatse. Ty sakane-ropolo metatse agnoloa gny efetragnoy bevatay eo ty
tempoly. Le hoe re tamiko tihoe: "Intoy ty pilasy masy vatane."[5]Bakeo ilahilahy nagnametatse ty rindry itragnoy-
ene metatse ty hatevene. Ty saka ty lafy ty efetse kiraidraike magnodidy ty tragno le efatse metatse. [6]Nisy efen
tragno nifanongoa telo, efetse raike ambone ty raike hfa ey, efetse telopolo isake ty misy aze. Nisy rindry abo
vatane ty magnodidy ty rindry iaby, satria tsy nisy tohatse napetrake tamity rindry itragnoy. [7]Kea niha nalalake
lafy efetse reo vaho nandeha niodikondy nagnanike, satria niodikondy niha abo nagnodidy iaby itragnoy; niha
nalalake efetse reo ararakarake ty nagnaniha, vaho nisy tohatse niakatse nimbamity abo vatane agne, amity lala
ty agnivoane.[8]Bakeo nahisake tokotane nasondrotse nagnodidy ty tragno iaby raho, iaze foto ty efetragny;
nimentatse era ty volontara ty halava gnizay- ene metatse. [9]Ty saka gny rindry ty efetragny ambalikagney le dime
metatse. Nisy pilasy malalake tambaly efetse reo ao amity fitoboha masy reo.[10]Tamity lafine raike opilasy
malalakeo le nisy ty efetragno ambaly agne ahy ty mpisoro; ropolo metatse ty saka pilasy io magnodidy ty
fitoboha masy iaby. [11]Nisy lala tamity efetragno mbamity pilasy malalake hafa agne-lala raike tamity ilane
avaratse, vaho ty raike hafa tamity iane antimo. Dime metatse ty saka gny pilasy malalake eo magnodidy iaby.
[12]Vaho itragnoy bevata nagnoloa itane malalakey tamity ilane andrefa le fitompolo metatse ty sakane. Dime
metatse ty meta ty hateve ty rindrine magnodidy iaby, vaho sivampolo metatse ty halavane. [13]Bakeo ilahilahy
negnametatse ipilasy masy-zato metatse ty halavane. Vaho itragno vitatokay, ty rindrine, naho ty tane malalake le
nimentatse zato metatse avao kea ty halavane. [14]Zato metatse avao kea ty saka ty agnoloa ty tane malalake
agnoloa gny pilasy masy eo.[15]bakeo ilahilahynegnametatse ty hala ty tragno tafara gny pilasy masy eo, tahandrefa
eo, vaho lalantsoa ambalike amity agnilane roe eo-zato metatse. Ipilasy masy naho ty lavarangane, [16]rindry
agnatene reo naho lafonetine reo, miarake amy lafonety mangarakarake reo, vaho lalantsoa ambalike
magnodidy efene telo reo iaby, le sambe natao tamity hetae iaby. [17]Ambone ty lalantsoa mbamity pilasy msy
agnatene mbeo naho efera gny rindry reo lenisy hetae rofia natao sare njaka sokire.[18]Rinavake kerobima naho
hetae rofia zy; miarake amity hetae rofia agnelagnela ty kerobima kiraidraike, vaho ty kerobima kiraidraike le
nana tarehe roe; [19]taren dahilahy raike magnoloa hetae rofia ty amity raike eo, vaho tere ndiona anane magnete
magnoloa hetae rofia ty amity ilane eo. Sinokitse magnodidy ty tragno iaby reo. [20]Bakeo amity tane mbambone ty
vavahady eo, le nisy kerobima naho hetae rofia sinokitse tamity rindry ambaly ty tragno eo.[21]Efa joro avao ty
pilasy masy. Ty pozy reo le manahake ty pozy [22]ty alitara vita amity hetae agnoloa gny ze pilasy masy zay, telo
metatse ty haabone vaho roe metatse ty halavane amity ilane kiraidraike. Ty zorone, fotone, vaho ty rafine le vita
tamity hetae. Bakeo ilahilahy nivola tamiko tihoe: "Intoy ty latabatse mitsanga agnoloa gn'Yaveh." [23]Nisy lala roe
ho ahy ipilasy masy naho ipilasy masy vataney. [24]Lala reo le sambe kopa droe, lelan dala roe amity lala raike vaho
lelan dala roe amity raike hafa.[25]Sinokitse tamy gnizay reo-tamy lala ipilasy masy-ty kerobima naho hetae rofia
manahake ty nandrobaha lala reo, vaho nisy tafo hetae amity lavaranga agnoloa eo. [26]Nisy lafonety
mangarangara naho hetae rofia tamity ila ty lavaranga iaby. Reo ro efetragno itragnoy, vaho mana tafo mihoatse
avao kea reo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 42

[1]Tafara gny zay le nindese lahilahy niboake tamity tane malalake agne amity ilane avaratse raho, vaho nindese
tamity efetragno tandrife itana malalakey naho ty rindry avaratse ambalikagne.
[3]Ty ilane amy efetragno reo le magnoloa ty tane malalake agnatene naho ropolo metatse ambaly ty pilasy masy.
[4]Lala folo metatse ro tamity sakane eo vaho zato metatse ro mbaloha efetragno reo mbeo. Nagnatseatse ty avara
ty lala efetragno reo. [5]Fa efetragno ambone reo le kele, ty lalantsoa le nangalake pilasy malalake naho ty ambane
naho ty agnivoa ty isa ty tragno bevata. [6]Fa efetragno amity riha fahatelo reo le tsy nana ambe, tsy manahake
tane malalake reo, tokone hana fiaro. Kea ty isa ty efetragno abo vatane le kele habey laha mihoatse amy
efetragno ambane agne vatane naho isane agnivoane ao reo.[7]Ty rindry ambalikagne le nagnorike ty efetragno
magnoloa ty tane malalake ambalikagne, itane malalake magnoloa efetragno reo. Ze rindry zay le dimanpolo
metatse ty halavane. [8]Ty halava efetragno ty tane malalake reo le dimanpolo metatse, vaho efetragno magnoloa
ty pilasy masy reo le zato metatse ty halavane. [9]Nisy filira tamity efetragno ambane vatane mbamity ilane
antignana mbeo, militse bakao amity tane malalake ambalikao.[10]Nifeno ty rindry ty tane malalake ambalikao
amity ilane antignana ty tane malalake masy, le nisy efetragno avao kea [11]niarake tamity lala nagnoloa iereo.
Iereo le pozy efetragno reo amity ilane avaratse. Nitovy ty halava gniereo naho ty zorone vaho fiboaha reo naho
fifagnaraha reo vaho lala reo.[12]Tamity ilane antimo ro nisy lala reo amity efetragno mitovy amity ilane avaratse
eo. Ty lala agnatene eo le nisy varangara tamity lohane eo, vaho itaney le nisokatse ho ahy efetragno isan-
karazane. Tamity ilane antignana le nisy vavahady nimbamity lala mbamity farane raike.[13]Le hoe ilahilahy
tamiko tihoe: "Ty efetragno antimo naho ty efetragno avaratse magnoloa ty tane malalake ambalike le efetragno
masy agnila ty hihina gny mpisoro miasa agnila gn'Yaveh eo naho hane masy vatane. Ao ro hampipoha gniereo ty
zaka masy vatane- ty raketse hane, ty raketse naho ty hadisoa, vaho ty raketse naho ty hadisoa-satria pilasy masy
io. [14]Laha militsy ao ty mpisoro, ao iereo tsy hiala amity pilasy masy ho antane malalake agne, laha tsy
mampipoke marikitse ty fisikina nanompoa gniereo, satria Masy reo. Kea ao iereo hisiky siky hafa aloha ty
fagnatogna ndaty. "[15]Vita ilahilahy ty fandrefesa ty tagnate ty tragno ao vaho nindese niboake tamity vavahady
magnoloa mianignana raho vaho rinefene ty faritse magnodidy tegne iaby.[16]Rinefe ty ilane antignana tamity
volotara fandrefesa re-dimanjato metatse tamity volotara fandrefesa. [17]Rinefene ty ilane avaratse, dimanjato
metatse tamity volotara fandrefesa. [18]Rinefe avao kea ty ilane antimo-dimanjato metatse tamity volotara
fandrefesa. [19]Navaline naho rinefene kea ty ilane andrefa-dimanjato metatsy tamity volotara fandrefes.[20]Rinefe
tamity ilane efatse zay. Nana rindry magnodidy aze zay dimanjato metatse ty halavane, vaho dimanjato metatsy
ty zorone, hanaraha ty masy amigny ze iharoa.

## Chapter 43

1 Bakeo ilahilahy ninday ahy tamity vavahady ze sinokitse niatignana. 2 Ingo! Niavy baka antignana ty hasy
Nagnahare Israely; manahake ty feo ty rano maro ty feone, vaho nangelangetse ty hasy ty tane. 3 Izay le manahake
ty fisehoa ty hisako, manahake ty fahisaha hisako laha niavy handrobake ty tana re, vaho fahisaha reo le
manahake ty fahisaha hisako tamity Lakandrano Kebara-vaho niondreke tamity tarehe raho. 4 Kea niavy tatragno
ao tamity lala mba bavahady nisokake niatignana ty hasy gn'Yaveh. 5 Le nagnogake ahy ty Fagnahy vaho ninday
ahy tagnate ty tane malalake. Ingo! Nameno ty tragno ty hasy gn'Yaveh. 6 Nitsanga tagnilako eo ilahilahy, vaho
naharey ndaty hafa nivola tamiko baka antragno ao raho. 7 Hoe re tamiko: "Nao anagnodaty, intoy ro fitoboha ty
seza fiambenako naho fitoboha ty lelan tomboko, hitobohako agnivoa ty vahoa Israely eo zisikagne. Tsy
handratiraty ty agnarako masy sasy ty longo Israely-iereo ndra ty mpanjaka iereo-amity tsy finoa ndra amity fate
mpanjakane reo tamy pilasy abone eo. 8 Tsy handratiraty ty agnarako masy amity fagnisia ty gonimbare gnireo
agnila ty lavatragnoko sasy iereo, vaho tsangam-bavahady iereo reo le agnila ty tsanga bavahady, ndra amity ino
ndra ino laha tsy lakoro raike agnivoako eo naho iereo. Nandratiraty ty agnarako masy tamy asa mampangory
reo iereo, kea handrava iereo amity siake raho. 9 Amizao ao iereo hagnafake ty tsy finoa gniereo naho fate ty
mpanjakane reo agnivoane, le hitoboke agnivoa iereo zisikagne raho. 10 Nao anagnodaty, iriha vatane ro ao hivola
mikasike ze tragno zay amity longo Israely ho megnatse naho hadisoane reo iereo. Tokone handineke mikasike
izay hamarita izay iereo. 11 fa laha megnatse naho ze iaby nanoe gniereo, le atalilio amy gniereo ty saretragno, ty
mikasike aze, ty fiboahane, ty filirane, naho ty sarene iaby, vaho ty lily aman dalaiaby. Le sorato amaso gniereo eo
zay hiambenane ty sare gnizay naho ty lily gnize iaby zay, ka hahily rey. 12 Ezao ro lily ho ahy ty tragno; Zisikegne
amity fara ty haboa magnodidy ty faretse iaby magnodidy izay, le ho masy vatane. Ingo! Izay ro ho lily ho ahy ty
tragno. 13 Intoa ro ho meta ty alitara amity metatse-ze metatse zay le ho metare mahazatse vaho volivoam tagna
amity halavane. Kea ty fantso magnodidy ty alitara le ho metatse laleke, vaho ty zorone le ho metare raike avao
kea. Ty faretse magnodidy ty sisine magnodidy le ho rae zahe. Izay ro ho foto ty alitara. 14 Bakeo amity fantso
magnanike amity rindry abo agne amity alitara le roe metatse, vaho ty rindryne le rae metatse ty zorone. Vaho
bakeo amity rindry kele magnanike amity velara ty sisy ty alitara, le efatse metatse zay, vaho ty velara ty sisine le
rae metatse ty zorone. 15 Ty fatapera amity alitara eo ho ahy ty raketse oroa le efa metatse ty halavane, vaho misy
tsifa efatse manondro magnanike amity fatapera mbeo. 16 Ty fatapera le roe ambiny folo metatse ty halavane vaho
roe ambiny folo metatse ty zorone, efa-joro. 17 Ty fare gnizay le efatse ambiny folo metatse ty halavane vaho efatse
ambiny folo ty zorone amity ilane efatse kiraidraike iaby, vaho ty morone le antsasa metatse. Ty fantsone le rae
metatse ty zorone magnodidy iaby vaho anatohatse zay le mitolike antignana agne." 18 Magnarake izay le hoe re
tamikotihoe: "Nareo anagnodaty, izao ty tsarae gny Tompo Yaveh: Intoa ty lily ho ahy ty alitara amity andro
anaova gniereo izay, ho ahy ty fanondrota ty raketse oroa agnate gnizay ao, vaho ho ahy ty famiahan dio
amignizay eo. 19 Hagnomey agnombe lahy bakamity biby fihare ho raketse naho ty hadisoa ho ahy mpisoro Levita
reo ze longo Zadoka riha, le reo ze nagneke ahy hanompo ahy-izay ty fitalilia ty Tompo Yaveh. 20 Bakeo riha
hangalake ty ilane amity lio gnizay vaho hametsake izay amity alitara ty tsafo efatse naho ty lafy ty sisine vaho
amity morone magnodidy; hagnalio izay riha ka hanao fagnavota ho ahy zay. 21 Le mangala agnombe lahy ho
raketse naho ty hadisoa ka oro amity faretse voayingy eo amity faretse ty tempoly ambaly ty fitoboha masy zay.
22 Vaho amity andro faharoe riha le hagnomey aose lahy tsy misy takaine bakamy aose reo ho raketse naho ty
hadisoa; hagnaligno ty alitara manahake ty nagnalignova izay tamity agnombe lahy mpisoro reo. 23 Lahafa
vitagnao ty fagnaliova izay, le magnomeza agnombe lahy tsy misy tsikone bakamity biby fihare vaho agnodry
lahy tsy misy tsikone bakamity agnodry aman'ose. 24 Ameo agnoloa gn'Yaveh reo; le handrarake sira amy mpisoro
reo ka hanondrotse raketse reo ho oroa ho ahy Yaveh. 25 Magnomana riha aose lahy raketse naho ty hadisoa
isan'andro zisike ty fahafito, vaho ao mpisoro reo hagnoma agnombe lahy tsy misy tsikone amity biby fihare vaho
agnodry lahy tsy misy takaine bakamity agnodry aman'ose avao kea. 26 Ao iereo handietse ty alitara lahafa telo
andro ka handio izay, vaho amy ze fomba zayro hagnamasigna gniereo izay. 27 Ao hameno andro reo iereo, vaho
amity andro fahavalo naho magnorike izay le hagnoma ty raketse oroanareo naho ty rakem-pilongoagnareo
amity alitara reo eo mpisoro reo, le hagneke anareo raho-izay ro fitalilia gn'Yaveh."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 44

[1]Le ninday ahy nihere tamity vavahady ambaly ty pilasy masy magnoloa miatignana ilahilahy; nihily mafe zay.
[2]Hoe ty Yaveh tamiko tihoe: "Vita petatondro ovavahady io; tsy ho sokafe zay. Tsy hisy ndaty handrio amignizay
eo, satria Yaveh, iaze Zagnahare Israely, ro nandrio tamy izay, kale vitahily mafe zay. [3]Ty mpandily Israely le
hitoboke amignizay hihinan kane agnoloa gn'Yaveh eo. Hilitse amity lala ty lavaranga ty vavahady re vaho
hiboake amy lala igne avao."[4]Bakeo le nindesene tamity lala ty vavahady avaratse magnoloa ty tragno raho.Ka
nagnete raho vaho ingo, ty hasy gn'Yaveh nameno ty tragno Yaveh, vaho nandrapake niondreke raho. [5]Le hoe ty
Yaveh tamiko tihoe: "Nareo anagnodaty, mandineha soa vaho magnetea amity masognao vaho minjajigna amity
sofignao ty amy ze iaby atalililko aminao, ty amity lily ty tragno gn'Yaveh iaby naho ty lily aman dily gnizay iaby.
Dineho ty mikasike ty filira naho ty fiboaha amy tragnoy eo.[6]Vaho volagno amy mpivory reo, ty longo Israely
tihoe: 'Izao ro tsarae ty Tompo Yaveh: Ao ho ampe anareo asa mampangory gnareo iaby reo, nareo longo
Israely-[7]ze nindaisagnareo vahiny tsy mitampake fo naho tsy mitampake nofo ho amity pilasy masy ao,
magnaratiraty ty tragnoko, laha nagnomey hane ho ahy nareo, sabora naho lio-nandily ty fagnekeam-pilongoa
tamy fihetsegnareo mampangory reo iaby nareo.[8]Tsy nagnataterake asagnareo mikasike ty zaka masy reo nareo,
fa nintingy ndaty hafa nareo hangalake asa gnareo reo, vaho nitingy iereo hamboatse ty fitobohako masy. [9]Hoe ty
Tompo Yaveh tihoe: Tsy misy vahiny, tsy vitatampake po naho nofo, bakamize mitoboke amity vahoa Israely eo,
afake militse amity fitobohako masy eo.[10]Amizao le nagnalavitse ahy Levita reo-niriorio niala tamiko iereo,
magnoridia aoline reo-fa hagnavake ty amity hadisoa iereo iereo. [11]Mpanompo amity fitobohako masy iereo,
miambe ty vavahady ty tragno naho manompo amity tragno ao vaho mamono ty raketse oroa naho ty soro ty
vahoake iereo, vaho hitsanga magnoloa ty vahoake iereo ka hanompo iereo. [12]Nefa naho iereo fa nanao ty soro
gniereo nagnoloa aoline reo, le nanjare vato magnafitohy agnoloako eo naho ty hadisoa tamity vahoake Israely
iereo. Naho izay le hatsangako ty tagnako hifanta fanta handietse iereo-izay ro fitalilia gny Tompo Yaveh-hinday
ty sazene iereo.[13]Tsy hagnato marikitse ahy hiasa manahake ty mpisoro na hagnato ze mete ho zakako masy
iereo, zaka masy vatane reo. Fa kea, hinday ty fahafaham barakane naho ty hadisoa ty asa mampangory nanone
gniereo. [14]Fa hatoboko ho mpiambe ty asa amity tragno ao iereo, ty amity asa iaby naho ze iaby atao agnate
gnizay.[15]Vaho Levita mpisoro reo, le reo ana ndre Zadoka nanao ty asa ty fitobohako masy laha niriorio niala
tamiko ty vahoa gn'Israely-hagnato marikitse ahy iereo hanompo ahy. Hitsanga magnoloa ahy iereo hagnomey ty
sabora naho ty lio-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh. [16]Ho avy amity fitobohako masy eo iereo; hagnato ty latabako
hanompoa ahy iereo vaho hanao asane amiko reo.[17]Naho izay lahafa magnato ty vavahady ty tane malalake
agnatene ao iereo, le mila misiky lamba takono foty, satria iereo tsy mahazo militse miarake amity volo nagnodry
agnate ty vavahady ty tane malalake agnatene naho ty tragno gnizay. [18]Tokone hisy hamama rakofo foty amity
valahane eo. Ao iereo tsy hisiky siky mampafana iereo.[19]Lahafa miboake ho amity tane malalake ambalikao iereo,
ho amity tane malalake ambalikao soa handeha ho amity vahoake agne, le ao hagnafake ty siky sinikine tamy
gniereo nanompo; ao hafaha gniereo zay vaho hatobo gniereo ambane ao amity efetse masy, ka tsy hagnega
ndaty hafa ho masy amity fikasoha ty sikine miavake iereo.[20]Vaho ao iereo tsy hamere ty loha gniereo hagnega ty
volo gniereo hitsiraviravy ankalalaha, fa ao iereo hikarakara ty volon doha gniereo. [21]Tsy tokone hisy mpisoro
hino divae laha mbamity tane malalake agnatene ao, [22]na hangalake mpinday vata na ampela nisarabaly ho
valine, fa mboe tsy mahavany lahy aby amity longo Israely avao na mpianday vata nanambaly mpisoro taloha.
[23]Fa hagnanatse ty ndatiko ty tsy fitoviza amity masy eo naho ty tsy masy iereo; hampahay iereo ty maloto amity
malio iereo. [24]Amity fifandiera ro hitsangana gniereo hitsara miarake amy liliko reo; ao ho mare iereo. Hiambe ty
liliko naho liliko reo iereo amity zaka iaby, vaho handrege ty Sabatako masy iereo.[25]Tsy hindeha amity fate
gnodaty haloto iereo, laha tsy raike na rene gniereo zay, anake lahy na anakampela, rahalahy na anabave tsy
mboe niharo fandre tamity lahilahy; laha tsy izay, haloto iereo. [26]Afara ty mampaloto ty mpisoro, le hagnizake fito
andro ho aze re. [27]Amity andro ze ilirane amity pilasy masy eo, amity tane malalake agnatene ao hanompo amity
pilasy masy ao, le ao hinday raketse naho ty hadisoa ho aze re-izay ro fitalilia gn'Yaveh Tompo.[28]Ezao ro ho lova
gniereo; Iraho ro lova gniereo, vaho ao nareo tsy hagnomey hanagna amy Israely eo hoe iereo; Iraho ro ho
hanagna gniereo! [29]Hihina ty raketse hane iereo, ty raketse naho ty hadisoa, vaho ze iaby feno fagnomeza tegna
ho ahy Yaveh a Israely ao , le hoe iereo.[30]Ty soa vatane amy lohavoigne reo amity zaka iaby naho ty fandrambesa
anjara iaby, ndra ino ndra ino bakamity fandrambesagnareo anjara iaby le ho ahy ty mpisoro, vaho hagnomey ty
soa vatane amity raketse hanegnareo ho ahy ty mpisoro nareo hitoboha ty fitahia antragnognareo ao. [31]Mpisoro
reo le tsy hihina fatem-biby tsinabotsaboke, na voro na biby.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 45

[2]Baka mizay eo le hisy efa-jaro zay mirefe diman-jato metatse tora-droe magnodidigne i toera masigny, miarake
amity rafetse magnodidigne zay mirefe dimapolo metatse ty sakane[3]Baka amy faritsio eo ro handefanao
ampahane raike dime arivo sy roale metatse ty halavane vaho raiale ty sakane, [4]ho toera masy zay, tena toera
masy. Ho toera mazy ao amy tane i mpisorogn'ireo zay manompo Yaveh zay niharine Yaveh mba hanompo aze.
Ho toera ty tragno iareo zay vaho faritse masy ho aity toera masy. [5]Le ho dime arivo sy roale metatse ty halavane
vaho raiale ty sakane, vaho ho tana-bey ho ay Levita reo ze manompo tamy tragno ao.[6]Hanondro faritra ho ay
tanàgnio riha, dime arivo metatse ty sakane, vaho dime arivo sy roale ty halavane, izay le harine i faritse natoka
ho aity toera masy, i tana gn'izay le ho ahy ty keleia gn'Israely. [7]Ty tana i andriadahy le ho eo amy ty sisigne roe i
faritse natoka ho aity toera masy naho ty tanàne. Ho eo ahandrefane naho antignanane zay. Ty halavane le
hitovy halava amy i ampahane reo, baka handrefa mianignana.[8]I tane zay le ho fanagna i andriandahy agne
Israely i andriadahiko reo tsy hampijale i vahoako sasa, fa hagnomey tane ho ay i keleia gn'Israely, ho aity
taranagn'iareo.[9]Yaveh tompo ro nilaza izao: ampy zay, re andriandahy Israely! Afaho ty hereloha naho ty
fifandiera, manova mahity naho marene! tsy ro ahe i vahoako! izay ro fagnambara Yaveh tompo. [10]Lonike nareo
hana mizana marene, efaha marene, vaha bata marene! [11]Efaha naho bata hitovy fatramba ho ampahafolo ty
homera raike, ty fagnameza gn'iareo le hitovy amity homera.[12]Ty sekele raike le ho ropolo gera; ty sekele
enempolo le ho mina raike hoanareo.[13]Izao ro fandrambesa anjara tsy maintsy aboagnareo: ty antsasa ene ty
vaha raike isa homeram-bare tritika iaby, vaho hagnomey antsasane ene ty vaha isake ty homeram-bare hordea
nareo. [14]Ty lily ty raketse diloilo le antsasa ty bata raike isa ty kora(ze bata folo) na isake ty homera raike, satria ty
homera raike le bata folo avao kea. [15]Agnodry na ose raike iaby amity agnodry aman'ose isake ty biby roanjato
iaby bakamity faretse lona gnisraely ro hampiasa amity fanova raketse oroa na rake pilongoa hanova fagnavota
ty vahoake-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh.[16]Ty vahoake iaby amy itaney eo le hanao ze fandrambesa anjara zao
ho ahy ty roandriandahy a Israely agne. [17]Ho asa ty roandriandahy ty magnomey biby reo ho amity raketse oroa,
raketse ho hane reo, vaho raketse nome amity hafalea reo naho ty fankalaza ty volam-bao, vaho amity andro
sabata-ty hafalea fa vita tingy ty longo Israely iaby. Hagnomey amy raketse reo naho ty hadisoa iereo, raketse voa
reo, raketse oroa reo, vaho rake pilongoa reo ho amity fagnavota ho ahy ty longo Israely.[18]Ty Tompo Yaveh le
mivola izao: Amity vola voalohane, amity andro voaloha ty vola, le hangalake agnombe lahy tsy misy tsikone
bakamity agnombe riha vaho hanao raketse ty hadisoa ho ahy ty fitoboha masy. [19]Ty mpisoro le hangalake ty
ilane amity lio ty raketse naho ty hadiosa vaho hampitoboke izay amity tolaha dala ty tragno eo naho amity sisy
zorone efatse reo ty sisy ty alitara, vaho amity tolaha dala ty tane malalake agnatene egne. [20]Ho anoenao isake ty
hadisoa ty natao na tamity andro fahafito ty vola; hagnavotse ty tempoly riha amignizay.[21]Amity vola voalohane
amity andro fahefatse ambiny folo ty vola, le hisy hafalea ho anareo, hafalea fahafito. Hihina mofo tsy misy
lalivay riha. [22]Amo andro, ty roandrian dahy le hagnoma agnombe lahy raike ho raketse naho ty hadisoa ty
vatane naho ho ahy ty vahoake iaby amity tane.[23]Zisike ty hafalea fahafito, ty roandria dahy le hagnoma raketse
oroa ho ahy gn'Yaveh: agnombe lahy fito naho agnodry lahy tsy misy tsikone fito isan'andro zisike ty fahafito,
vaho aose lahy raike isan'andro ho raketse naho ty hadisoa. [24]Bakeo ty roandria dahy le hanao raketse hohane
raike vaha isak'agnombe lahy vaho raike vaha isake n'agnodry lahy miarake amity diloilo hina raike isam-baha.
[25]Amity vola fahafito amity andro fahadime ambine folo ty vola, amity hafalea agne, le hanao raketse zisike ty fito
andro roandria dahy reo: raketse naho ty hadisoa, raketse oroa, raketse ho hane, vaho raketse ty diloilo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 46

[1]Ezao ro tsara ty Tompo Yaveh: Ty vavahady ty tane malalake agnatene, magnoloa ty atignana, le hahily zisike ty
ene gnadro amity fiasa, fa ho hane kea zay amity Sabata, naho amity andro ty voaloham-bola. [2]Hilitse ty
ambalikagne amity lala ty vavahady naho ty lavaranga bakambaly gnizay ty roandriandahy, vaho hitsanga
magnoloa ty tolaha-dala ty vavahady agnetene laha mboe manao ty rakene oroa naho ty rakepilongoa ty
mpisoro. Le hagnomey hasy an-tokolan dala ty vavahady agnatene eo re vaho hiboake, fa tsy hahily ty vavahady
zisike hariva.[3]Ty vahoake ty tane avao kea le hanompo agnoloa gn'Yaveh eo amity filira amo vavahady io amity
Sabata naho voaloham-bola reo. [4]Ty raketse oroa ze nagme ty roandriadahy ho ahy Yaveh amity andro Sabata le
ananagnodry ene tsy misy takaine vaho aose lahy tsy misy takaine. [5]Ty raketse vare miarake amity aose lahy le
ho vaha raike, vaho ty raketse miarake amy ana nagnodry reo le ze iriene home, vaho diloilo raike hina isam-
bare vaha raike.[6]Amity andro ty voalohanbola le ao ze hagnomey agnombe tsy misy takaine bakamity andian
nagnombe, ananagnodry ene, vaho aose lahy tsy misy takaine. [7]Ao re hanao raketse voa rae vaha isa
nagnombelahy vaho raike vaha ho ahy ty agnodry lahy, vaho ze iriene ho ahy ana nagnodry reo, vaho diloilo rae
hina isan nampaha bare iaby. [8]Lahafa militse amity lala ty vavahady naho ty lavarangane ty roandriamdahy, le
ao re hiala amity lala nombane avao.[9]Fa laha avy agnoloa gn'Yaveh eo amity hafalea vita tingy reo ty ndaty ty
tane, ndra ia ndra ia militse amity vavahady avaratse hanompo le ao hiboake amity vavahady antimo, vaho ndra
ia ndra ia militse amity vavahady antimo le ao hiboake amity vavahadty avaratse. Tsy misy ndaty afake mihere
amity vavahady nilirane, fa tsy maintsy miboake mahity avao re. [10]Ao ho agnivoa gniereo eo roandriandahy reo;
lahafa militse ao iereo, le tsy maintsy militse re, vaho lahafamiala iereo, le tsy maintsy miala re.[11]Amy hafalea reo
ao, ao ho ampaha bare raike isan bato nagnombelahy naho efaha isan'agnodry lahy ty raketse vare, vaho ndre
ino ndre ino iriene hamea miarake amy ana nagnodry reo, vaho diloilo raike hina isan kefaha. [12]Lahafa
magnomey raketse avy ampiane ty roandrian dahy, na raketse oroa na rakepin longoa ho ahy Yaveh,le hosokafe
ho aze ty vavahady magnoloa ty antignana. Hagnomey ty raketse oroa na ty rake pilongoa manahake ty anoene
amity andro Sabata re. Bakeo le tsy maintsy hiboake re, vaho afara ty hiboahane le hahily ty vavahady.[13]Tovo
gnizay, hagnomey ana nagnodry tsy misy tsikone herentao ho raketse oroa ho ahy Yaveh isan'andro riha; hanao
izay isake maraindray riha. [14]Hagnomey raketse vare miarake amy gnizay isake maraindray riha, ty ignene amity
ampaha vaho ty intelo ty diloilo raike vaha hamdema ty koba ty raketse vare ho ahy Yaveh, magnorike ty lily
maharetse. [15]Hikarakara ty ana nagnodry, ty raketse voa, vaho ty diloilo isake maraindray, raketse oroa
maharetse iereo.[16]Ezao ro tsarae gny Tompo Yaveh: laha magnomey zaka ho ahy ty raike amy anane lahy reo ty
roandriandahy, lova zay. Ho fanagna anake zay, lova zay. [17]Fa laha magnomey zaka bakamity lovane ho ahy ty
raike amy mpanompone reo re, le ho ahy iaze mpanompo ze zisipiavia ty tao fahafaha, vaho bakeo le hihere amy
iroandriandahy agne zay. Lovane reo le ho ahy anane lahy raike reo. [18]Tsy hangalake ty lova ty ndaty amity zara
tanene avao ty roandriandahy; tsy maintsy hagnomey bakamity zara tanene ho ahy anane lahy reo re tsy
hiparitaha ndatiko reo, ndaty kiraidraike bakamity zara tanene reo avao.[19]Vaho bakeo ninday ahy tamity filira
tamity vavahady mbamy efetse masy reo mbeo mpisoro gno ndaty reo, nagnoloa ty avaratse vaho ingo! Nisy
pilasy tahandrefa egne. [20]Hoe re tamiko tihoe: "Intoy ro pilasy ze tsy maintsy hiketseha mpisoro reo ty rake
pitoboha naho ty raketsenaho ty hadisoa vaho ze tsy maintsy hagnedasa gniereo ty raketse oroa. Tsy tokone
hinday ty raketse ambaly ty tane malalake ao iereo, fa bakeo le ho hamasigne ty vahoake.[21]Bakeo le ninday ahy
tamity tane malalake agne re vaho nindesene tamity zorone efetse gnize tane malalake zay raho, vaho hisako fa
nisy fitsara hafa tamity zoro ty tane malalake iaby. [22]Amo zoro nefe ty tane malalakeo le nisy tane malalake kele
efatse, efapolo metatse ty halavane vaho telopolo ty velarane. Metatse mitovy iaby ho ahy tane malalake efatse
reo iaby. [23]Misy pilasy natao tamity vato nagnodidy ty efetse tamy gniereo, vaho ty fatapera fiketreha le tambane
ty laharam bato ao. [24]Hoe iaze lahilahy tamiko tihoe: "Reo ro pilasy ze hiketseha ty mpanompo ty tempoly ty soro
ty vahoake."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 47

[1]Bakeo olahilahy io le ninday ahy nimbamity filira amity tempoly ao, vaho nisy rano nikororoke bakamity
tokolan dala ty tragno amity antignana ty tempoly-tagnoloa ty tempoly magnoloa ty atignana-vaho ty rano le
nikororoke nimbamity ilane antimo ty tempoly, mbakavana ty alitara. [2]Kea nindesene niboake tamity vavahady
andrefa raho vaho nagnodidy ty vavahady magnoloa ty antignana, vaho nisy rano nikororoke bakamo vavahady
io tamity ilane antimo.[3]Laha nandeha nimba antignana ilahilahy, le nisy fibira ty tatagnane egne; nagnametatse
arivo metatse re vaho ninday ahy namakivaky rano laleke zisika ankitrone egne. [4]Le nagnametatse arivo metatse
ndraike re vaho ninday ahy namakivaky rano laleke zisike anongotse egne; vaho nagnametse arivo metatse hafa
re kale ninday ahy tamity rano laleke zisike ambalahane egne. [5]Bakeo le nagnametatse arivo metatse hafa re,
kanefa renerano tsy afake nitsahako zay satria nandipotse ty rano vaho laleke tsy hae hilomagnosa-renerano tsy
hae nitsaha zay.[6]Hoe ilahilahy tamiko: "Nareo anagnodaty, hisagnao vao io"? vaho ninday ahy niboake re vaho
nagnere ahy tamity sisy ty renerano egne. [7]Laha nihere igne raho, le nisy hetae maro tamity sisy ireneranoy egne
vaho tamity ilane avao kea. [8]Hoe ilahilahy tamiko: "Miboake mbamity faretane antignana mbegne orano o vaho
mizotso mba Arahaba mbeo; magneno mbamity Ria ntsira mbagne zay vaho hampalio aze.[9]Vaho ty zaka mana
gnay iaby le hivelo amy ze handehana ty rano agne; hisy fia maro ty ao, satria magneno agne ty rano. Hampalio
iriakey zay. Hivelo agne amy ze handehana gny reneranoy ty zaka iaby. [10]Vaho bakeo le hitsanga agnoro ty rano ty
mpihaza gny En-jedy, vaho hisy pilasy fagnamaiha ty harato famintagna agnoro ty En-eglaima eo. Hisy karanzan-
pia maro amity Rian-tsira ao, manahake ty fia amity riambey ao.[11]Fa honahona reo naho henehene ty riake ntsira
reo le tsy halio; hamokara sira regne. [12]Agnilane renerano o amity sisine egne, amity ilane roe, le hisy karazan-
ketae hitiry hamokatse hane. Ty rave gnireo le tsy haleme vaho ty voa gnireo le tsy hijano fitombo. Isam-bola
hetae reo le hamoa, satria ty rano bakamity pilasy masy ao le mikororoke mbamireo mbeo. Ho hane ty voa
gnireo, vaho ty rave gnireo le ho hagnafaha.[13]Iraho ro tsarae gny Tompo Yaveh: Izay ro fomba hizaragnao ty tane
ho ahy foko roe ambiny folo gn'Israely reo: hana anjara roe ty Josefa. [14]Ho zarae mitovy ze nagnodritako ty
tagnako naho nifantako fa hamea razagnao reo. I ty tane toy le ho lovagnao.[15]Intoy ro ho sisin tane ty tane amity
ilane andrefa agne manomboke amity Riaken-bey mandrio amity lala Hetlona, vaho zisikagne Zedada. [16]Vaho
hitohy a Berota agne ty sisin-tane, zisika Sibraima agne, ze agnivoa Damaskosy naho ZHamata, vaho bakeo
zisikagne Hazara Hatikona, ze agnila ty sisin tane Haorana ao. [17]Kea hitohy manomboke amity riake zisikagne
Hazar-enana amity fare tane Damaskosy naho Hamata mba handrefa ty sisin tane agne. Izay ro ho sisine
anhadefa.[18]Tamity sisine antignana, tagnivoa Haorana eo naho Damaskosy eo vaho tagnivoa Gileada eo naho ty
tane Israely ty Renerano Jordana. Tsy maintsy metaregnao zisikamity sisy ty riake antignana; ze iaby zay ro ho
sisin tane antignana. [19]Bakeo ty sisine antignana; ty antimo Tamara mbamy rano Meriba Kadesy reo mbeo, ty
lohambaibo Egypta mbamity Rian bey mbagne, vaho ty ilane antimo magnoloa ty antimo. [20]Vaho ty sisntane
ahandrefa ro ho Riambey mbamy gnize mifandietse amy Hamata. Izay ro ho ilane ahandrefa.[21]Amy gnize fomba
zay ro hizaragnareo ty tane toy ho anareo, ho ahy foko Israely reo. [22]Keahizara lova reo ho ahy ty vatagnareo
nareo vaho ho ahy vahiny agnivoagnareo eo reo, reo ze nisamake anake tagnivoa nareo eo naho reo, miarake
aminareo, manahake ty ndaty tera tane Israely. Hagnomey lova maro amy foko Israely reo eo nareo. [23]Vaho ty
vahiny le hiarake amity foko amy reo ze hitobohane. Tsy maintsy magnomey lova hoaze nareo-izay ro fitalilia
gn'Yaveh Tompo."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 48

1 Intoa iaby ty agnara foko reo. hahazo anjara tane raikety foko ndre Dana, ty faretane gnizay le hipake zisikamity
sisitane Israely agne magnamoro ty lala htlona naho Lebo Hamata agne. Ty sisin tane gnizay le hitohy zisika
Hazar-enana agne vaho magnorike ty sisn-tane Damaskosy miagnatimo vaho zisika Hamata agne. Ty faretane
Dana le manomboke baka antignaa ty lala iaby mbamity Riambey agne. 2 Mifagnarikitse amity faretane Dana,
zisikamity ilane antignana kaziska handrefa, ro ho anjara raike ho ahy Asera. 3 Mifagnarikitse amity faretane
Asera zisikagne amity ilane antignana ka zisika andrefa, ro ho anjara raike ho ahy ndre Naftaly. 4 Mifagnarikitse
amity faretane Naftaly zisikamity ilane antignana ka zisike ahandrefa, ro ho anjara raike ho ahy Manase
zisikamity ilane antignana ka zisike andrefa, ro ho anjara raike ho ahy Efraima. 6 Mifagnarikitse amity faretane
Efraima zisikamity ilane antignana ka zisike ahandrefa, ro ho anjara raike ho ahy Robena. 7 Mifagnarikitse amity
faretane Robena zisikamity ilane antignana ka zisike ahandrefa , ro ho anjara raike ho ahy Joda. 8 Ty fagnomeza ty
tane hataonao le hagnorike ty faretane Joda naho hiitatse bakamity ilane antignana ka zisike ahandrefa; ho dime
arivo naho roe ale metatse ty zorone. Ty halava gnizay le mifagnarake amity anjara ty foko raike zisikamity ilane
antignana ka zisike ahandrefa, vaho hoagnivoa zay eo ty tempoly. 9 Ze tane zay hameako ani Yaveh zay le ho dime
arivo naho roe ale metatse ty halavane vaho rae ale metatse ty zorone. 10 Intoa iaby ro ho asa ty anjara tane masy:
mpisoro reo le hana tane voatingy hoe iereo mimentatse dime arivo naho roe ale metatse ty halava ty ilane
avaratse; rae ale metatse ty zorone ilane andrefa; rae ale metatse ty ZORO ty ilane antignana; vaho dime arivo
naho roe ale metatse ty halava ty ilane antimo, miarake amity pilasy masy gn'Yaveh agnivoa gnizay eo. 11 Izay le ho
ahy ty fanokana mpisoro foko Zadoka reo, ze fa nanompo ahy tamin-pitokia, naho tsy nandeha tamity lalandiso
tamy nandeha tamity lalandiso ty vahoake Israely, manahake ty nanoe Levita reo. 12 Ty raketse hoe iereo le ho
anjara bakamity tane masy vatane toy, miitatse zisikamity faretane Levita reo. 13 Ty tane Levita reo magnamoro ty
fare tane miarake amity tane ty mpisoro le ho dime arivo naho roe ale metatse ty halavane vaho rae ale metatse
ty zorone. Ty halava ty velaran tane iaby roe le ho dime arivo naho roe ale metatse ty halavane vaho roe ale
metatse ty zorone. 14 Tsy mahazo mivarotse na manakalo izay iereo; tsy misy hae sarahe amy velaran tane reo
lohavoigne ty tane Israely, fa masy ho ahy Yaveh ze iaby zay. 15 Ty tane sisa tavela, dime arivo metatse ty zorone
vaho dime arivo naho roe ale metatse ty halavane, le hiharo fampiasa ho ahy tana, ty tragno, vaho tane fihanan-
bole reo; ho agnivoa gnizay ty tana. 16 Intoa iaby ro ho meta ty tana : 4. 500 metatse ty halava ty ilane avaratse; 4.
500 metatse ty halava ty ilane antignana; vaho 4. 500 metatse ty halava ty ilane ahandrefa. 17 Vaho hisy lavake
miagnavaratse ho ahy ty tana, 250 metatse ty halalene; amity antimo eo, 250 metatse ty halalegne; amity
antignana eo, 250 metatse ty halalegne, vaho amity ahandrefa eo, 250 metatse ty halalegne. 18 Vaho ty faretse
amby ty faritse masy le hahatratse rae ale metatse miatignana vaho rae ale metatse miankadrefa. Hiitatse
magnorike ty faretse ty raketse masy zay vaho ho hane gnireo ze miasa an tana ao ty voka gnizay. 19 Ty vahoake ze
miasa an tana ao, ty vahoake ty foko iaby Israely, ro hiasa ze tane zay. 20 Ty zara tane iaby le mimentatse dime
arivo naho roe ale metatse toro droe. Amy gnize fomba zay ro hanovagnareo itaney raketse masy tagne, miarake
amity tane itana ay. 21 Ty amby ty tane amity eroa naho etia iraketse masy naho ty faretse ty tana le ho ahy ty
roandriandahy. Ty velaran tane ty roandriandahy antignana agne le hahatratse dime arivo naho roe ale metatse
manomboke amity faretane iraketsey masy eo kea zisikamity sisin-tane antignana-vaho ty velara ty tane
antignana le hahatsatse dime arivo naho roe ale metatse zisikamity sisin tane ahandrefa. Ho agnivoa iraketsey
masy eo, vaho ty pilasy masy ty tempoly le ho agnivoa gnizay eo. 22 Ty tane miitatse bakeo amity hanagna Levita
reo naho ty faretse ty tana agnivoane eo le ho ahy ty roandriandahy; ho agnivoa ty sisin-tane Joda eo naho ty
sisin-tane Benjamina zay- otaneo le ho ahy ty roandriandahy. 23 Laha ty amy foko ambine reo, ty anjara gniereo
avao kea le ho avy antignana agne ka zisike ahandrefa. Hahazo anjara raike ty Benjamina. 24 Mifagnarikitse amity
fare tane Benjamina zisike antignana agne zisike ahandrefa, ro ho anjara raike ho ahy Simeona. 25 Mifagnarikitse
amity fare tane Simeona zisikamity ilane antignana ka zisike ahandrefa, le hahazo anjara raike ty Isakara.
26 Mifagnarikitse amity faretane Isakara zisikamity ilane antignana ka zisike ahandrefa, le hahazo anjara raike ty
Zebolona. 27 Antimo ty faretane Zebolona agne, zisike ahandrefa ka zisike antignana, le ho tane Gada - Anjara tane
raike. 28 Ty faretane antimo Gala le hiitatse manomboke a Tamara agne zisike amity baibo ndriake Egypta, vaho
zisikamity Riake Bevata. 29 Ze tane zay hilokagnareo; ho lova ty foko Israely zay. Reo le ho anjara gniereo. Izay ro
fitalilia ty Tompo Yaveh. 30 Intoa ro ho fiboaha baka antana ao: amity ilane avaratse, ze himentatse 4. 500 metatse
ty halavane, 31 le hisy vavahady telo, kinaike bakamy reo foko Israely: vavahady raike ho ahy Robena, vavahady
raike ho ahy Joda, vaho vavahady raike ho ahy Levy. 32 Amity ilane antignana eo, mimentatse 4. 500 metatse ty
halavane, le hisy vavahady telo; vavahady raike ho ahy Josefa, vavahady raike ho ahy Benjamina, vaho vavahady
raike ho ahy Dana. 33 Amity ilane antignana, mimentatse 4. 500 metatse ty halavane, le hisy vavahady telo:

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

vavahady raike ho ahy Simeona, vavahady raike ho ahy Isakara, vaho vavahady raike ho ahy Zebolona. [34]Amity ilane ahandrefa eo, himentatse 4. 500 metatse, le hisy vavahady telo: vavahady raike ho ahy Gada, vavahady raike ho ahy Asera, vaho vavahady raike ho ahy Naftaly. [35]Valo arivo naho rae ale metatse ty refe magnodidy ty tana, manomboke amo andro o, le ho kaihe tihoe " Yaveh Ro Ao" ty agnara itana ay.

# Daniel

Chapter 1

[1]Tamy ty tao fahatelo nanjaka i Joiakima mpanjaka ty Joda, Nebokadnezara mpanjaka i Babylona niavy ao Jerosalema vaho nagnodidy tanagny mbo hanampakety vokotse iabyhoaiereo. [2]Ty Tompo nagnomey fandresea hoahy Nebokadnezara tao amy Joaikima mpanjaka ty Joda, vaho ireke nagnomey aze tamy reo zaka-masy bakao amy ty anjomban'Andragnahare. Nanday reo hoagne amy tane Babylona reke, hoagne antragnon'andriagnaharene, vaho napogne tamy ty fanovane rakitse hoahy ty andragnaharene eo raraha-masigny.[3]Vaho nirehake tamy aspenaza, aze lahibey ty manampahefa, ty mpanjaka mba hinday ty ilae amy anagn'Israely, amy ty taranake mpanjakanaho ty ambone firazagna - [4]ajaja lahilahy tsy misy hasimba, tovolahy,mahay amy ty fahendrea iaby, feno fahaiza naho fahiratantsay, vaho azoantoke mba hanompo ao amy ty lapa ty mpanjaka. Reke le hagnatse aiereo ty fanao i Babyloniana naho ty firehake. [5]Nanisa i mpnjakay anjara sanadro mitoka amy reo hanene naho reo divay finomene ierteo. Pamaraky reo le nampianare agnate ty telo tao, vaho afara zay, le hompiasa mpanjakay iereo.[6]agnisagne ty Daniela, Hanasia, Misaela vaho Azaria, ze ilae amy reo ndaty i Joda. [7]Nimea i bey agnara iareo: Daniela natao tihoe Beltesazara, Hananianatao tihoe Sandraka, Misaela natao tihoe Mesaka, vaho Azaria natao tihoe Abednego.[8]Te Daniela nisay te tsy handoto ty vatagne amy reo hanentsoa i mpanjakay naho ty divay ze ninomene. Kanangatake tamy lahibey ty manampahefa reke mbo tsy handoto ty vatagne. [9]Vaho nimean'Andragnahare sitrakenaho fiferenaisa ty Daniela tamy ty fanjaka ty bey mimbegnaze reke. [10]Nivola tamy Daniela ty manampahefa nanao tihoe: Matahotse mpanjakay raho. Reke ty nandily ty hanenareo naho ty raraha hinomenareo. Nanao akore reke naho mahisake anao boroka tsy manahake oilao reo riha aze mitovy tao aminao reo? Motampahe mpanjaka ty lohaho naho ty aminao.''[11]Bakeo ty Daniela nirehake tamy mpiamben-draraha zay nijobogne ty bey ho bey dry Daniela, Hanania, Misaela vaho Azaria. [12]Reke nanao tihoe: Ambeno zahay agnate ty folo andro. Meo legima hohane naho rano hinome avao zahay. [13]Le ampitovizo amy ty vatagnay naho aze mihina hanentsoa i mpanjakay reo, vaho atovo aminay, mpiasanao, arake ze hisagnao.[14]Ka niharo hevetse hanao zane ty mpita nraraha, ka nanente iereo agnate ty folo androreke. [15]Tamy ty fara ty fahafolo ty vatagniereo dra salama soa vaho maike vondrake naho ajaja ilae reo aze mihina hane soa i mpanjakay reo. [16]Ka nalae i mpiambegniereo igne hanentsoa naho reo divay iereo vaho legima avao ty nihane iareo.[17]Laha ty amy pamaraky efatse reo, nimen'Andragnahare aiereo ty fahaia naho fahiratan-tsay amy ty fomafomba iaby naho ty fahendrea, vaho afake mahatakatse nofy naho fahita iaby ty Daniela. [18]Tamy ty fifaragna ty fotoa ze nivolagne i mpanjakay hiambengniareo, le nanday iareo amy Nebokadnezara eo ty lahibey manampahefa.[19]Nirehake amy iareo mpanjakay, vaho tsy nisy nanahake andre Daniela, Hanania, Mesaela vaho Azaria tao amy vondrogny iabiaby. Nitsanga aloha i mpanjakay eo iareo, vonon-kanompo aze. [20]Tamy ty fagnontonea iaby mikasike ty fahandrea naho ty fahavan-tsay ze nagnonmtenea i mpanjakay aiereo, le voavale iareo soa iaby mihoatse ambone folo naho ty aireo ambiasa naho reo ze mivola fa mirehake amy ty mate, ze tagne amy ty fanjaka iaby zane. [21]Tagne avao ty Daniela juske ty tao voanalohane nanjaka ty mpanjaka Kirosy.

## Chapter 2

1Tamy ty tao faha roe nanjaka i Nebokadnezara, le nagninofy reke. Nihorohoro ty saigne, vao tsy niazondroro
reke. 2vaho nikaike reo mbisa naho reo ze mivola te mirehake amy ty matempanjay. Nikaike reo mpanao aoly
nah reo ndaty hendre avao kea reke. Nagniry aiereo hivolagnaze momba ty nofineo reke. Ka nilitse iareo vaho
nitsanga taloha mpanjakay eo.3Mpanjakay nanao amy iareo tihoe: Nagninofy raho, vaho ty saiko mitepotepo ty
hahafantarako nofy.'' 4Bakeo le nirehake tamy ty mpanjaka tamy ty fite Aramiana reo ndaty hendre: Mpanjakao,
hovelo jusikam-parane riha! Volagno aminay mpiasanao nofigne, vaho zahay hitalily ty dikae.''5Vaho namale reo
ndaty hendre mpanjakay ka nanao tihoe: ''Fanilamy ze raraha zay. Naho tsy volagne nareo amiko ze nofy, le
hopotepoteheko ty vtagnareo vaho tytragnonareo hatako fagnria fokota. 6Fa naho volagnenareo ahike nofio naho
ty dikae, le hahazo fomey bakamiko nareo, valesoa raike vaho voninahitse befoloay. Ka volagno amiko nofio
naho ty dikae.7Le namale indraike iareo tihoe: ''Lonike mpanjakay hivola anay mpiasanao, ty nofy le hotalilienay
ty dikae.'' 8Namale mpanjakay tihoe: Fahaiko soa te tahahazo andro lava nareo lefa haiareo te vatagne to raraha
volaneko momba zane. 9Fa naho tsy volagnenareo nofio, le raike avao ty rehako hoanareo. Nanampakevetse ty
hagnoma teny diso nareo naho fitake ze nifagninanareo hovolagne amiko nareo amparake ty iova ty hevetso. Ka
volagno amiko areke nofy, le hohaitso te mahay mandika zane amiko nareo.10Le namale reo ndaty hendre
mpanjakay nanao ty hoe: Tsy misy ndaty ambone tane etoy afake hanantanterake ty fangataha mpanjakay. Tsy
misy mpanjaka befoloay naho mahere mboe nangatake raraha tamy ambiasa, na baka aminia na aminaia mivola
te mirehake amy ty mate, na baka amy ndaty hendre. 11Sarotse raraha angatahe mpanjaka, vaho tsy misy na ia na
ia afake mitalily zane amy mpanjaka laha-tsy reo andragnahare, vaho tsy miharo toboke eo amy ndaty ireo.12
Nahamaloke naho vatagne nampasiake mpanjakay zane, ka nagnomey komandy hamono reo iaby agne Babylona
ze fantatse tamy ty fahendrene reke. 13Ka niboake ty lily te reo iaby ze fantse tamy fahendre iereo le vinono. Naho
ty amy io lily io, le nipay andre Daniela naho reo ragnee iereo mbo hahafahane mamano aiereo.14Vaho Daniela
namale am-phamatora na am-pisaigna andre Arioka mpifehe ty mpiambe ty mpanjaka, ze niavy hamono reo
iaby tao Babylona ze fantatse tamy ty fahendre iareo. 15Nagnontane ty mpifehe ty mpanjaka Daniela tihoe:
''Nanao akore le malaky manahake zao ty lily mpanjakay?'' Kanivolagne i Arioka tamy Daniela ze nisy. 16Bakeo
Daniela nilitse vaho nangatake ty hihao tamy mpanjakay mbo hahaiane manao ty fandika hoahy mpanjakay.
17Bakeo le nandeha antragnone agne vaho nagnzava zane tamy Hanania, Misaela, naho Azaria i Daniela.
18Nampirisike aiereo hipay famindra arofo baka amy ty Andragnahare ty lagntse reke mikasike io raraha miafy io
mbo tsy hamonoa aze naho aiereo miharo amy reo ndaty sisa tao Babylona zay fantatse amy ty fahendre iareo.
19Tamy halekeo le natalily Daniela tagnate fahita aze raraha niafigny. Le niantsa ty Andragnahare ty lagnitsei
Daniela 20vaho nivola tihoe: ''Miantsa ty agnar'Andragnahare mandrakizay doria, fa aze ty fahendrea naho ty
here.21Magnova ty lera naho ty andro Reke; mampiala naho mampitoboke ty mpanjaka eo amy ty sezae
fitobohane Reke. Magnomey fahendrea hoahy ty hendre Reke vaho fahaia hoahy reo zay mahazava-tsay.
22Mampahisake ty laleke naho reo zaka mitsioke Reke lefa haie ty agnate ty maieke, vaho ty hazava miay amine
ao.23Andragnahare ty razako, misaotse anao raho vaho miantsa anao naho ty fahendrea ze nimeanao ahike. Fa
nampahafantarenao ahike henanezao zay nangataheko aminao; nampahafantarenao ahike raraha
nampitebiteby mpanjakay.''24Bakeo le nilitse ty Daniela hanente i Arioka (aze nijobogne mpanjakay hamono ty
ndaty hendre iaby tagne Babylona). Nandeha reke vaho nivola tamine tihoe: ''Tsy mamono ty ndaty hendre agne
Babylona. Andeso amy mpanjakay agne raho vaho le hasehoko aze ty dika inofy.''25Le nandese i Arioka malaky
agnamtreha i mpanjakay eo ty Daniela vaho nivola tihoe: ''Nahisake lahilahy raike teo amy reo ndaty Joda natao
sesetane zay hagnambara ty dika inofy amy m panjaka raho.'' 26Mpanjakay nanao tihoe amy Daniela (aze nikaihe
tihoe Beltesazare): ''Naorie iha hitalily ahike nofy naho ty hevee?''27Daniela namale mpanjakay ka nanao tihoe:
''Raraha ze tsinihay nagnonteneanao ty mpanjaka le tsy azo reo ze mana fahendrea aseho, na reo ze mivola te
mirehake amy ty mate, na amy ty ambiasa, vaho tsy amy ty mpagnandro. 28Na le zay aza, misy Andragnahare ze
mitoboke andagnitsagne, ze mitalily ty raraha tsy hay, vaho fanampahafantarene anao, Nebokadneza
mpanjakao, ze hitranga amy ty andro hoavy. Toa ty nofinao naho ty fahita ty saignao naho nandre
ampandreanao eo riha.29Naho ty amiko, mpanajakao, ty fieretseretanao am-pandreagneo le momba reo raraha
hoavy, vaho reo mitalily ty raraha miafy le fanam-pahafantatse anao ty hisy. 30Naho ty amiko, zane raraha-miafy
zane le tsy natalily ahikenaho ty fahendrea zay anagnako maro mihoatse ty ndaty hafa. Natalily ahike zane
raraha miafy zanema hahatakaranao ty dikae, mpanajaka, vaho mba hahaianao mahafantatse reo eretsereao
laleke agnatenao ao.31Mpanjakao, nitroatse riha vaho nahisake sare vonga befoloay. Io sare vonga io, zay mahere
naho mamirapiratse, le nitsnga tagnatrehanao eo. Mampatahotse ty famirapirae. 32Ty loha i sare vongagny vita
tamy ty volamena. Ty tratrane naho ty vatagne le vita tamy ty volafotsy. ty antegnategnaeo naho ty fenevita tamy

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

ty varahy, vaho ty taolamaigne vita tamy ty vy. [33]Ty tombogne le vita tamy ty vy vaho mifangaro tane mangna ty
ilae.[34]Niakatse riha, vaho nisy vato tampake raike, na le tsy tamy ty tagna ty ndaty aza, vaho nitonta tamy ty sare
vonga tamy ty tombogne zane, vaho nandrava aiereo. [35]Bake vy ignyty tanemanga, ty varahy, ty voalafotsy vaho
ty volamena le nipotepoteke nanahake ty ampmbom-bare eo amy ty fandravohambare eo. Nitiofe ty tioke iareo
vaho tsy nisy tavela na kelekele. Fa aze vato nitonta aminey ri lasa vohitse befoloay nameno kila tane[36]Izane ro
nofignao. Naho andao hirehake ty hevene amity mpanjaka zahay zao. [37]Iriha, ry mpanjaka, ro mpajankagn'ireo
mpanjaka ty nomean'Agnahare ty Lagnitse ty fanjaka, ty fahefa, ty here, naho ty vognenahetse. [38]Tefa nataone teo
am-pelatagnanao ty toera hitoboha ty Ondaty. Naho le fa nomeane teo ampelatagna nao reo biby ty baibo vaho ty
voro ty lagnitse, naho loe nanao anao ho mpandily eo amireo iaby reo re. Riha ro loha ty sarevonga volamena.
[39]Ao afaranao, le hisy fanjaka hafa hitsanga feie ambane tane iriha, kanefa ty fanjaka varahy fahatelo le handily
eo amity tane iaby.[40]Naho hisy fanjaka fahaefatse, mafe manahake ty vy, satria ty vy mamaky reo zaka hafa vaho
manorotoro ty zaka iaby. Manorotoro reo zaka iaby reo zane naho mamoteke iereo.[41]Arake ty hisanao, ty
tomboke vaho ty randrone le vita tamity tanemanga nahandroe vaho vy ty ilane, ka le ho fanjaka hizara zay; ty
ilane amity here ty vy le ho ao amizay, arake ze fa nahisahanao ty vy naharo tamity tanemanga maleme. [42]Satria
reo rambon-tombone le nanoe tamity vy ty ilane naho tanemanga ty ilane, le ho mafe ty fanjaka amity ilane naho
maleme amity ilane. [43]Manahake ty nahisahanao ty vy naharo tamity tanemanga maleme, le hiharo reo ndaty; tsy
hiraike hijano iereo, manahake ty vy tsy milaro amity tanemanga.[44]Amity andro reo mpanjaka reo, le hametrake
ty fanjaka zay tsy ho voarebake zane, na ho azo ty ndaty hafa ty Zagnahare ty lagnitse. Handravarava reo fanjaka
hafa zay naho hampijano iereo iaby, naho le hitoboke zisikezay zane. [45]Arake ze fa hisanao, nisy vatolampy raike
nanampake vohitse, fa tsy mba tamity tana-gnodaty. Nanampatampake ty vy, varahy, tanemanga, volafotsy, naho
volamena zay. Tefa nampahaie ty Zagnahare foloay anao, ry mpanjaka, ze hiseho afaragnizay. Mare ty nofy naho
azo antoke ty fandika toy."[46]Nampiankohoke ty vatane teo agnoloa i Daniela ty Nebokadnezara naho nagnaja aze;
nandily ty hanoa fagnatetse raike re naho liten-ketae magnitse homey aze. [47]Hoe ty mpanjaka tamy Daniela ty
hoe:" Tegna ty Zagnaharenao ro Zagnaharegn'ireo Zagnahare, ty tompo gnireo mpanjaka, naho ty aze
magnombara zay zaka-mihaja zay riha."[48]Bakeo ty natao ty mpanjaka nana ty hajane ambone ty Daniela naho
nomeine fagnomea soasoa. Nanao ho mpandily teo amireo faritane i Babylona iaby re. Ninjare bey ty governora
teo amireo ndaty hendre vatane agne Babylona ty Daniela. [49]Nanao fangataha raike tamity mpanjaka ty Daniela,
naho nitendrene ty mpanjaka i Sadraka, Mesaka, naho Abednego mba ho mpikarakara eo amity faritane
Babylona.Fa Daniela kea nitoboke tao amity lapa ty mpanjaka.

## Chapter 3

[1]Nagnamboatse sarevonga volamena ty Nebokadnezara mpanjaka teie enempolo hakiho ty halavane naho ene
hakiho ty fohene. Natobone tao amity gebo i Dora ao amity faritane i Babylona zay. [2]Le nandefa hafatse ty
Nebokadnezara mba hampivory miarake reo governoram-paritane, reo governoram-paritse, naho reo governora
teo amity toera, reo mpandineke, reo mpitam-bola, reo mpitsara, reo mpahay lily, reo manan-kasy ty faritane
ambone iaby mba ho avy amity fanokana ty sarevonga zay le fa natsangane.[3]Le niharo nivory reo governoram-
paritane, reo governoram-paritse, vaho reo governora teo antana, niarake tamireo mpagnomey dineke, reo
mpitam-bola, reo mpitsara, reo mpahay lily, reo manan-kasy ty faritane ambone iaby mba ho avy amity fanokana
ty sarevonga ze le fa natsanga i Nebokadnezara. Nitsanga teo agnola zay iereo. [4]Le nisy mpikabary nikorake mafe
ty hoe:" Lilie nareo, ry vahoake, ry firene, vaho reo rehake sambe hafa, [5]fa amity andro hahareizagnareo ty feo ty
anjomara, sodina, sitara, lokanga, harpa, naho farara, vaho ty karazan-jaka magneno iaby, le tsy maintsy
miondreke naho mihohoke eo amity sarevonga volamena ze le fa natsanga i Nebokadnezara mpanjaka nareo.[6]Na
ia ia tsy miondreke ka manompo, amize andro zay vatane, le hatorake ao agnate laforo milebaleba." [7]Ka laha fa
naharey ty feo ty anjomara, sody, sitara, lokanga, harpa naho farara, vaho ty karazan-jaka magneno iaby ty
vahoake iaby, reo firene, vaho rehake le niondreke naho nihohoke teo amity sarevonga volamena ze le fa
natsanga i Nebokadnezara mpanjaka.[8]Naho tamio andro mio le nisy Kaldeana niavy naho ninday fitana
handietse reo Jiosy. [9]Hoe iereo tamy Nebokadnezara mpanjaka:" Ry mpanjaka! Ho velo zisikezay anie riha! [10]Iriha,
ry mpanjaka, le fa nanao lily fa ty ndaty iaby ze maharey ty feo ty anjomara, sody, sitara, lokanga, harpa naho
farara, vaho ty karazan-jaka magneno iaby, le tsy maintsy miondreke naho mihohoke eo amity sarevonga
volamena.[11]Na ia ia tsy miondreke vaho manompo le maintsy atorake ao agnate laforo milebaleba. [12]Naho misy
reo Jiosy toe tinenedrenao amireo zakam-paritane i Babylona; ty agnara iereo le Sadraka, Mesaka, naho
Abednego. Reo lahilahy reo, ry mpanjaka, le tsy nijano anao. Tsy hivavake na hanompo reo Zagnahare nao iereo,
na hihohoke eo agnoloa ty sarevonga volamena ze fa natsanganao."[13]Naho Nebokadnezara, lako heloke vaho
havignira, le nadily ty hindaisa i Sadraka, Mesaka, naho Abednego ho amine eo. ka niente gniereo teo agnoloa ty
mpanjaka reo lahilahy reo. [14]Hoe ty Nebokadnezara tamy iereo:" Tefa nandefa fisaigna nareo vao nareo ry
Sadraka, Mesaka, naho Abednego, fa tsy hanompo reo Zagnahareko ka hihohoke eo agnoloa ty sarevonga
volamena ze fa natsangako?[15]Naho laha vogno nareo __laha fa maharey ty feo ty anjomara, sody, sitara, lokanga,
harpa naho farara, vaho ty karan-jaka magneno iaby__ty hiondreke naho hihohoke eo amity sarevonga volamena
ze le fa namboareko, le hilamy ty zaka-iaby. Fa laha tsy manompo nareo, le hatorake amizay ao agnate laforo
milebaleba. Ia ro Zagnahare afake mamonje anareo antagnako eo?"[16]Namale ty mpanjaka i Sadraka, Mesaka
naho Abednego hoe:" Ry Nebokadnezara, tsy mila mamale anao amize raharaha zay zahay. [17]Laha misy valene, le
ty Zagnaharenay ze tompoenay ro afake miaro anay amity laforo milebaleba, naho hamonje anay tsy ho eo
antagnanao re, ry mpanjaka. [18]Fa na tsy zay aza, le ao ho hainao, ry mpanjaka, fa tsy hanompo reo Zagnaharenao
zahay, naho tsy hihohoke amity sarevonga volamena ze le fa natsanganao."[19]Le feno heloke ty Nebokadnezara;
niova tamy Sadraka, Mesaka, naho Abednego ty toene. Nililiane fa tokone hafanae impito mahamay vatane tane
ty fafanane mahazatre ty laforo. [20]Le nandily lahilahy matanjake maro tao amity tafine re mba hamehe i Sadraka,
Mesaka, naho Abednego ka hanorake iereo ao agnate laforo milebaleba[21]Finehe mboe tamim-piakanjoa reo
akanjolavane, reo kapaotine, reo satrone, vaho siky hafa iereo, ka natorake tao agnate lafaoro milebaleba. [22]Satria
sarotene ty fagnoriha ty baiko ty mpanjaka naho nahamay bey ty laforo, le namono reo lahilahy ze nampiakatse i
Sadraka, Mesaka, naho Abednego ty lelan'afo. [23]Reo lahilahy telo reo, zay Sadraka, Mesaka, naho Abednego, le
nitonta tao agnate ty laforo milebaleba iereo vaho nifehe.[24]Le gaga Nebokadnezara mpanjaka ka nitsanga malaky.
Nagnotane reo mpagnomey hevetse re ty hoe:" Nao tsy natorantika nifehe tao agnate afo iereo telo lahy?" Le
namale ty mpanjaka iereo hoe:" Eka vatane, ry mpanjaka." [25]Hoe re:" Nefa raho mahisake lahilahy efatre tsy
mifehe mandehandeha ao agnate afo, naho tsy magnino iereo. Ty toera ty fahefatse le manahake ty anagnireo
zagnahare."[26]Le nagnato ty varavara ty laforo milebaleba ty Nebokadnezara ka nikaike mafe ty hoe:" Ry Sadraka,
Mesaka, Naho Abednego, mpanompon' Agnahare ambone vatane, miakara! Mindena mbetoa!" Le niakatse bakao
amity afo ty Sadraka, Mesaka, naho Abednego. [27]Reo governoram-paritane, reo governoram-paritse, reo
governora hafa, naho reo mpagnomey hevetse ty mpanjaka ze nivory raike le nahisake reo lahilahy reo. Tsy
nampagnino ty vatagniereo ty afo; tsy may ty volon-doha gniereo; tsy simba ty siky gniereo; naho tsy nisy
fofon'afo tamine.[28]Hoe ty Nebokadnezara:" Ndao tika handaza ty Zagnahare i Sadraka, Mesaka, naho Abednego,
ty nandefa ty irane naho nagnomea ze hafane zao ho ahy reo mpanompone. Natoky aze iereo laha nandietse ty
baikeko, naho nahafoe ty vatane iereo toe zay hanompo vaho hihohoke amizay zagnahare hafa tsy ty Zagnahare
iereo.[29]Ka manao lily raho te ze vahoake, firene, na rehake ze manao zaka handietse ty Zagnahare i Sadraka,

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Mesaka, vaho Abednego le tsy maintsy potehe, naho ty tragno iereo le tsy maintsy atao ho fako mivorovoro satria
tsy misy Zagnahare hafa afake magnavotse hoe izao." 30 Le nanondrotse i Sadraka, Mesaka, naho Abednego tao
amity faritane i Babylona ty mpanjaka.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Nandefa ze lily zao ho ahy reo vahoake, reo firene, naho reo rehake iaby ze nitoboke tetoy ambone ty tane
Nebokadnezara mpanjaka ty hoe:" Hampitomboe aminareo anie ty fiadagna. [2]Toe soa amiko ty mirehake
aminareo reo famantara vaho zaka-mahahaga ze natao ty ambone ao vatane tamiko. [3]Foloay loatse reo
famantarane, naho mahere loatse reo zaka-mahahagane! Fanjaka tsy misy fitamperane ty fanjakane, naho
maharetse hatramity foko afara ty fandiliane.[4]Izaho, Nebokadnezara, le nitoboke ankafalea tantragnoko ao, naho
nitea fahombeaza rao tao amity lampako. [5]Feie nampatahotse ahy ty nofiko raike. Laha niroro igne raho, le
nagnoronta ahy reo kisaresare vaho ty zaka hisake tantsaiko. [6]Ka nagnomey lily raho ty hindaisa tamiko teo reo
lahilahy i Babylona iaby ze nanam-pahendrea laha afake ty handika ty nofy ho ahy iereo.[7]Naho le avy reo
ombiasa, reo ze manao ty hoe mirehake amity mate, reo ndaty hendre, naho reo mpagnandro. Nagnombara ty
nofiko tamy iereo raho, fa tsy afake ty handika zay tamiko iereo. [8]Nefa nilitse ty Daniela ty farane ze raike natao
ty hoe Beltesazara arake ty agnara nagnahareko, misy fagnahy reo Zagnahare kea ao agnatene_naho nirehake
tamine ty nofiko raho. [9]"Ry Beltesazara, ombiasabey, haiko fa aminao ao ty fagnahy reo Zagnahare masy naho tsy
misy zaka-mietake ze sarotse aminao avao kea. Ambarao ahy ze hisako tagnate nofiko naho ino ty dika zay.[10]Toa
iaby ty hisake tao antsaiko laha niroro tao ampandreako raho: nidineke raho, naho nisy hetae raike teo agnivo ty
tane, naho bey vatane ty ha abo zane. [11]Nitombo i hetae eigne ka ninjare nahere. Nagnanike ty lagnitse ty lohane,
naho mahisake zay zisike agne amireo vazan-tane iabike. [12]Soa tarehe ty ravene, marobey kea ty voane, naho nisy
sakafo ho ahy ndaty iaby tambonene eo. Nahisake aloke tambanene ao ty bibin'ala, naho ty voro ty lagnitse
nitoboke teo amireo tahone. Voafaha iaby tamizay reo zaka-velo iabike.[13]Nahisake tao antsaiko raho tamizaho
niroro teo ampandreako, naho nisy irake masy raike nizotso bakegne amity lagnitse. [14]Nikorake mafe re nanao ty
hoe:' Tampaho i hetae igne naho tampaho ty tahone, afaho reo ravene, naho aparitaho ty voane. Ao reo biby hilay
bakeo ambane zay naho reo voro hizotso lavitse reo tahone.[15]Engao ty fotone ty tahone ho ao agnate tane, feheo
amity fehem-by vaho varahina, eo agnivo ty akata ty baibo. Ao zay ho lotsahe ty mika ty lagnitse. Ao zay ho rava
miarake amireo biby eo amireo folera egne amity tane. [16]Ao ty fisiane hiova fisaigna gnondaty, naho ao ty fisiam-
biby ro homea aze hatramity fahalasa ty fito tao.[17]Ze fanampahan-kevetse zay le baka amity lily niente ty irake. Ze
fanampahan-kevetse zay ro natao reo masy mba hahafaha reo velo mahay fa mandily magnera reo fanjaka ty
vahoake ty Ambone vatane naho nagnomea iereo ho ahy ty ndaty ze teane hatoboke eo amiereo, na le ty lahilahy
farane ze tsotsa aza.' [18]Izaho, Nebokadnezara, ro nana ze nofy zay. Henanekezao riha, ry Beltesazara, ambarao ty
dikane, satria tsy misy amireo hendre ty fanjakako afake ty handika zay amiko. Fa riha ro afake manao zay, satria
aminao ao ty fagnahy reo Zagnahare masy."[19]Naho Daniela, teie natao ty hoe avao kea Beltesazara, le tohy mafe
zisike ty andro tsiampe, ka nanaitre aze ty dinene. Le hoe ty mpanjaka ty hoe:" Ry Beltesazara, ko enga hanaitre
anao kea ty nofy na ty dika zay." Namale Beltesazara hoe:" Ry tompoko, ao amireo ze malayanao anie ty nofy; ho
ahy reo fahavalo nao anie ty dika zay.[20]Ty hetae ze hisanao__teie nitombo ka lasa nahere, naho te nipake tagne
andagnitse ty lohane, ka zao hinente tagne amireo fara ty tane iaby__[21]teie soa tarehe vatane reo ravene, naho
maro le maro vatane ty voane, mba hisia ty sakafo ho ahy iaby ze amizay ao, naho ambanene ao ro fialofa reo
bibin'ala, naho nitoboha reo voro ty lagnitse tamine ao__[22]ze hetae zay le iriha, ry mpanjaka, riha toe nitombo ho
tegnane mahere. Nihanitombo ty habeignao ka nanakatre ty lagnitse, naho ty fanampahanao nipake tagne
amireo fara ty tane.[23]Riha, ry mpanjaka, ro nahisake ty irake masy nizotro bakagne andagnitse ka nanao ty hoe:"
Tampaho ty hetae naho poteho zane, nefa engao ty tahone ho ao amity tane, feheo amity fehem-by vaho varahy,
eo agnivo ty akata maleme ty baibo. Engao ho lotsake ty mika bakagne andagnitse zay. Ao zay ho rava hiarake
amireo bibin'ala egne amireo baibo zisike hahalasa ty fito tao.'[24]Zay ro dikane, ry mpanjaka. Zay ty lily ty Ambone
vatane ze nipake taminao, ry tompoko mpanjaka. [25]Halae amity ndaty riha, naho hitoboke miarake amireo
bibin'ala agne amireo baibo. Hampihina akata manahake ty agnombe riha, naho ho lotsake ty mika bakagne
andagnitse, ka fito tao ro handrio zisike ty enkenao fa ty Ambone vatane ro mandily eo amireo fanjaka ty ndaty
naho re ro magnomea iereo ho amity ndaty ze iriene.[26]Arake ty nandilia ty hagnega ty taho ty hetae, le amize
fomba zay ro hagneregna ty fanjaka nao ho aminao amity andro hahaizanao fa manjaka ty lagnitse. [27]Laha zao,
ry mpanjaka, ao ty heveko ho azo enke aminao. Ajanogno ty fanonta ka manaova ze mare. Miaria amireo
hadisoanao amity fanehoa fandefera amireo nampijale, naho zay le mba ho afake hihabey ty
fahasoavanao."[29]Niseho tamy mpanjaka Nebokadnezara reigne zaka iaby reigne. Roe ambinifolo vola tatoy afara
le nindeha teo amity tafo ty lapa ty mpanjaka tagne Babylona re, [30]naho hoe re ty hoe:" Tsy toy vao iaze Babylona
foloay, te nantsangako ho ahy ty toeram-pitoboham-panjakako, ho amity vonenahetre ty habeiko?"[31]Laha mboe
teo ambava ty mpanjaka reo rehake, le nisy feo bagnagne andagnitse ty hoe:" Ry Nebokadnezara mpanjaka,
natilily taminao fa le fa nafaha taminao ze fanjaka zao. [32]Ho roahe tsy eo amity vahoake riha, naho ty toeram-


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

pitobonanao le hiarake amireo bibin'ala egne amity baibo. Hampihina akata manahake ty agnombe riha. Fito tao ro handrio zisike ty hiavia nao hieke fa ty Ambone vatane ro mpandily eragnireo fanjaka ty ndaty naho re ro magnomea iereo ho ahy ty ndaty iriene."
[33]Ze lily handietse i Nebokadnezara zay le nitanterahe tsy nisy hatak'andro. Rinoake tsy ho eo amity vahoake re. Nihina akata manahake ty agnombe re, naho lotsake ty mika ty lagnitse ty vatane. Nihalava manahake ty volo ty rae ty voromahere ty volone, naho lasa manahake ty ahy reo voro ty hohone.
[34]Tamity fiafara ty andro, izaho, Nebokadnezara, nanao ty masoko agne amity lagnitse, naho nahere tamiko ndraike ty hagegeako. "Miantsa ty Ambone vatane raho, naho magnomea hasy ty aze raike ze mitoboke zisikezay raho. Fa tsy manam-pitampera ty fandiliane, naho ela hatramity foko afara ty fanjakane.
[35]Tsinotsino tamine ty vahoake ty tane iaby; manao iaby ze mete amity sitram-pone amity tafike ty lagnitse vaho ty vahoake ty tane re. Tsy misy afake hamijano aze na hifanohetse amine. Tsy misy afake ty hirehake aze ty hoe: 'Nagnino ro nanao zao riha?'"
[36]Tamio fotoa niheregna ty hagegeako tamiko io avao, le nihere tamiko ty hasiko vaho ty habeiko ho ahy ty hasy ty fanjakako. Nahisake ty sitrako reo mpagnomey hevetse ahy vaho reo lahilahiko mendren-kaja. Niente nihere teo amity sezan-droandriako ndraike raho, naho ambonegnizay le nomea habey beibey kea raho.
[37]Izaho, Nebokadnezara, le miantsa, manao ambone, naho magnomea hasy ty mpanjaka ty lagnitse te amizao, fa mare reo asane, naho mahity ty lalane. Afake mandretse reo ze mindeha amity fiavognavognene Re.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

Nanao fagnombara bey ho ahy reo tandapa arivo lahy ty Belsazara mpanjaka, naho nino divay teo agnoloa reo arivo lahy iaby re. [2]Laha nagnakatse ty divay ty Belsazara, le nagnomey baiko mba hindaisa ty tavoara vita amity volamena na volafoty ze nalaegn'i Nebokadnezara raene tao antempoly tao Jerosalema, naho reo valine vaho ty valitsindranone ro nino.[3]Nangalake reo tavoara volamena ze le fa nakare bakao antempoly, tragnon'Agnahare, tao Jerosalema reo mpanompo. Naho tamireo ro ninoma ty mpanjaka, reo tandapane, naho reo valine vaho reo valitsindranone. [4]Nino divay iereo naho niantsa reo sampe gniereo ze vita tamity volamena vaho volafoty, varahy, vy, hetae, naho vato.[5]Tamize andro zay le nisy rambotagna ondaty niseho teo agnoloa ty fisy jiro naho nanoratre teo amity rindry voalalotse tao andampa ty mpanjaka. Nahisake ty antsasa ty tana ty mpanjaka laha nanoratre zay. [6]Le niova ty toera ty mpanjaka naho nampitahotse aze ty vetsevetsene; tsy nahazaka aze ty tombone, naho nialy ty ongone.[7]Nikaike mafe ty komandine ty mpanjaka mba hagnilitse reo ze nirehake fa mirehake amity mate, ndaty maragni-tsay, naho reo mpagnandro. Nirehake tamireo hay tamity fahendreane tao Babylona ty mpanjaka ty hoe:" Na ia ia magnazava io soratre eo vaho ty dikane le hampisikine volomparasy zay naho hana ravake volamena ambozone eo. Hana ty fandilia ty mpandily fahatelo ambone vatane ao amity fanjaka re."[8]Naho le nilitse reo lahilahy ty mpanjaka ze hay teamy ty fahendreane, kanefa tsy nahavita namaky i soratrey na nagnazava ty dikane tamity mpanjaka iereo. [9]Taitre vatane ty Belsazara mpanjaka naho niova ty toerane ty vatane. Vere hevetse reo tandapane.[10]Naho nilitse tao amity tragno fanasa ty mpanjaka vave noho ty zaka nirehafe ty mpanjaka vaho reo tandapane. Le hoe ty mpanjaka vave ty hoe:" Ho ela velo anie ty mpanjaka! Ko enga hagnoronta anao ty dinegnao. Ko enga hiova ty toera ty vatagnao.[11]Misy lahilahy zay mana ty fagnahy reo Zagnahare masy eto amity fanjakanao. Tamity andro ty raenao, le hisake tamine ao ty hazava vaho ty hazavan-tsay naho fahendrea manahake ty fahendreagnireo Zagnahare. Nebokadnezara mpanjaka, mpanjaka raenao, nanao aze ho bey ty ambiasa, naho ho bey iereo mirehake amity mate, vaho ahy reo ndaty maragni-tsay, naho ahy reo mpagnandro. [12]Fagnahy soa le soa, fahaiza, fazavan-tsay, fandika nofy, fagnazava rehake sarotre naho fagnaha zaka manahira_reo zaka soa reo le hisake tao amize lahilahy Daniela zay, ty natao i mpanjaka ty hoe Beltesazara. ka henanezao mampikaiha i Daniela le ho rehafene aminao ty dika ze voasoratre."[13]Vaho le nandese amy mpanjakaeo ty Daniel. Mpanjaka nanao tihoe; Riha Daniel zao, raike aminareo ndaty nasese tagne Joda, ze nandese i Babako niala tao Joda. [14]Fareiko ty fombanao te aminao ao ty Fagnahy reo Andragnahare, vaho ty hazava, naho fahaiza vaho fahendrea soa le soa le hisakeaminao ao.[15]Fanampilire tamiko eo mbo hamaky soratse naho hampahay ahike tidikae reo lahilahy hay amy ty fahendrene naho [16]reo ze mirehake amy ty mate, nefa tsy mahay mampahafantatse ty dikae iareo. naharey raho te afake magnomey tidikae naho mamaha porobolemo riha. Kanaho hainao ty mamaky soratse vaho mitalily ahike ty dikae, hampiakanjoe volomparasy riha vaho hasia rojo volamena ty vozognao, vaho hahazo ty fahefa mpandily fahatelo ambone amy fanjakako eto riha.[17]Le namale tagnoloa teo ty mpanjaka i Daniel ka nanao tihoe; ''Lonike anao kea ty fagnomea, vaho meo ndaty hafa ty valesoanao. Na izay aza, le hovakieko aminao ty soratse, mpanjakao vaho hovolagne aminao ty hevee. [18] Ty aminao, mpanjakao, ty Andragnahare ty Ambone agne nagnomey andre Nebokadnezara, raaoty fanjaka, ty habey, haja, naho voninahitse. [19]Naho ty habey nimey n' Andragnahareaze, le nangovitse naho natahotse aze ty vahoake iaby, ty firenena, vaho ty sambe hafa fivola. Namono ze teane hovonoe ndreke vaho mamelo ze teane hovelome dreke. Nasandrae ze teane, vaho nambanene ze teane hambanene.[20]Fa naho niavognavo ty foe vaho nihamafe ty fagnahine mbo hanovane raraha vetaveta, le nafahane eo amy ty seze maha Mpanjaka aze reke, vaho nafaha iareo ty voninahie. [21]Niroahe tsy hiharo amy ndatio reke, nana say manahake biby reke, vaho niarake niay tamy reo borky ly reke. Nihina akata manahake aombe reke,. nilany ty ando ty lagnitse ty vatagne mandra-pahaiane te ty Andragnahare ty Ambone agnero manmpake eo amy ty fanjaka ty vahoake vaho manendre ze teane hatoboke eo amizay Reke.[22]Hoanao ajaja lahilahy, Beltsazara, le tsy nagnetre ty foao, na le nahafantantse zane raraha zane riha. [23]Fanandra-bata hanohetse ty Tompo ty lagnitse riha. Bakatrgnone ao ty nandaisanao reo vatavoze ninomanao, reo tandapanao reo valy naho reo sipanao, vaho nanompo reo aoly nivita tamy volafotsy naho volamena, varahy, vy hetay, vaho vato_aoly ze tsy mahatrea, tsy maharey, na mahay na ino na inoriha. Tsy nagnomey voninahitse an'andragnahare ze mita ty fofgnaignao eo antagnaney naho mahay lala iaby riha. [24]Vaho Andragnahare nandefatagna baka amy ty fagnatrehane ka vita zo zo soratse zao.[25]Ty Tene voasoratse le zao: 'Mene, Mene, Tekela, vaho Opersina.' [26]Zao ty heve: mene, vita isan'Andragnahare ty nanjakanao vaho ninday zayamy ty farane Reke.' [27]'Tekela, ''Lanjae eo amy bantsy riha vaho hitake fa tsy ampe kilo riha.' [28]'Peresa,' 'Zarae naho mey hoahy reo Mediana naho reo Persianaty fanjakanao.'"[29]Le nikomandy ty Belsazara, vaho nampiakanjo voloparasy adre daniel iereo. Natao ampozogneo rojo volamenay, vaho nanao fagnambara momba aze ty hahazoane ty fahefa mpanapaha fahatelo ambo loatse teo amy ty fanjaka

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

ty mpanajaka. [30]Tamy halekey, le nimate ty Belsazara, mpanajaka ty Babyloniana, [31]vaho Dariosa aze Mediana ine
ro nandrae ty fanjaka tokone ho eo amy ty enempolo tao roamby reke.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

[1]Nahafa adre Dariosa ty nanendre goverinora 120 sake faritse magnera ty ty fanjaka zay handily magnera ty
fanjakane iaby. [2]Nisy komandy lahibey telo tamiereo eo, vaho raike tamy iareo ty Daniela. Reo komandy lahibey
reo le nijobogne hagnara-maso reo goverinora isake faritse, mbo tsy homate antoko mpanjakay. [3]Nihafa ambone
reo komandy hafa naho reo goverinora isake faritse i Daniela lefa nana fagnahy miavake reke. Nanao hevetse ty
hametreaha aze magnera ty fanjakane iaby mpanjakay.[4]Bakeo reo mpitan-draraha lahibey hafa naho reo
goverinora isake faritse nipay hadisoa tamy ty asa nata i Daniela hoahy ty fanjaka, nefa tsy nahisake asa raty na
tsy fahavitagn'asa tamy ty asane iareo lefa natoky reke. Tsy nisy hadisoa na asa raty hita tamine. [5]Lahilahy reo
nanao tihoe: "Tsy nahisake antogne tokone hitoreova gnanity Daniela ty zahay naho tsy tihoe mahisake raraha
manohetse aze arake ty lilin'Andragnahare zahay.[6]Le ninday hevetse amy mpanjakay eo reo mpitan-draraha
naho goverinora rey. Iereo nanao tamy mpanjaka tihoe: "Nao mpanjakao Dariosa, holava havelo riha! [7]Reo
mpitan-draraha lahibey iaby tao amy ty fanjaka, reo goverinora isake faritse, naho reo mpenolotsay, vaho reo
goverinora le niarake nandineke vaho nanampakevetse te iha, mpanjakao, le tokone hamoake lily vaho
hagnamafe zane, ka na ia na ia manao famoriantsonia amy ty andragnahare iaby na ndaty agnate telopolo
andro, ankoatse rihe avao, mpanjakao, le tsy maintsy hatorake anavake misy liona ao ze ndaty zay.[8]Amy henane
zao, mampiboaha lily vaho soniavo ty taratase mbo tsy hagnova zane. [9]"Ka le nisoniave Dariosa mpanjaka
taratasey namalihagnaze holily ilalanay.[10]Naho fanifanta i Daniela te nivita sonia holalana itaratasey, le nandeha
antragnone agne (vaho nosokake reo lafinetey tambone mandrife i Jerosalema), vaho nandohaleke reke ,
manahake ty fatae in-telo san'andro, vaho mivavake naho nisaotse nagnoloa ty Andragnaharene reke, fa
manahake ty fatae talohagne. [11]Bake reo lahilahy zay nanao hevedraty reo nahisake andre Daniela nanao
fangataha naho nipay fagnampea amn'Andragnahare.[12]Bakeo iareo namonje mpanjakay vaho nirehake tamine
momba lily tihoe: "Nao tsy nanao sonia vao ihagnio te ze iaby manao sonia amy ty andragnahare iaby na ndaty
agnate ty telopolo andro magnarake, ankoatse anao, mpanjakao, le tsy maintsy hatorake ampolavake liona ao?
Namale mpanjakay tihoe: "Voapetrake rarahay, arake ty voatondro ty lalagna ty Mediana naho Persiana; tsy
afake foagna zane,"[13]Le namale mpanjakay iareo tihoe: "Daniela zay, aze raike amy ndaty nasesetane tagne Joda,
le tsy miraharaha anao, mpanjakao, na ty lily voasonianao. "Mivavake amin'Andragnahare intelo reke agnate ty
andro raike." [14]Naho fanaharey zane mpanjakay, le le nalahelo mafy, vaho nandefa fisaignane ty hagnavota i
Daniela amy ty fanampahane. Niasa zisike tsofotsandro rehe mbo hiezake ty hagnavota andre Daniela.[15]Bake reo
lahilahy ze nanao hevedraty reo nivory niarake tamy ty mpanjakay vaho nanao tihoe: "Fantaro, mpanjakao, te
lalagna ty Mediana naho Persiana zane, vaho tsy afake ova ty lalana naho ty lilyze natay mpanjakay.[16]Vaho
nognomey komandy mpanjakay, vaho nandese iareo nilitse ty Daniela, ka natoragniereo ampolavagny liona igne
ao reke.Mpanjakay nanao tamy Daniela tihoe: "Hagnavotse anao, ty Andragmaharenao, ze tompoenao isake
hariva."[17]Nisy vato nandese tandalagny lavakey eo, vaho nagnisy tapo zane tamy pera i mpanjakay naho tamy reo
peratse fanova tapo reo manankajane mbo tsy hisy fiovane ty mikasike andre Daniela reke. [18]Bakeo nandeha
andapa agne mpanjakay vaho tamy halekey nifaly hane. Tsy nisy tsinjake nandese amineo, vaho niazondroro
reke.[19]Bakeo vaho nivandantane le nitsangatsanga mpanjakay vaho nandeha malaky tandavagn'i lionay agne.
[20]Naho fanarine lavakey reke, le nikaike andre Daniela tamy ty feo malahelo, nanao tamy Daniela tihoe: "Nao
Daniela, mpanompo ty Andragnahare velogny, nao tsy nagnafake anao tamy reo liona vao ty Andragnaharenao,
ze tompoenao isake hariva?"[21]Daniela nanao tamy mpanjakay tihoe: [22]"Nao mpanjakao, holavahavelo riha!
Fanagnirake mpanday hafatse ty Andragnahare vaho nampihily ty vavay lionay, vaho tsy nihina ahike iareo. Fa
tsy nisy tsine tamine rahonaho taminai kea, mpanjakao, vaho tsy nanao raty anao raho."[23]Bakeo le nifale
tanterake mpanjakay. Nikomandy mpanjakay ty hagnakara i Daniela ampolavakeao reke. Naho zay le
nampiakare bakam-polavake ao ty Daniela. Tsy nisy fere tamine lefa natoky an'Andragnahare reke.[24]Nikomandy
mpanjakay, vaho nandese lahilahy aze nagnaraty Daniela reo vaho natorake ampolavake liona ao- iereo naho ty
anagniereo, vaho ty valiereo. Aloha ty hahavia iereo antane agne, le nandrese iareo lionay vaho
nanampantampake ty taolagniereo. [25]Bakeo Dariosa mpanjaka nanoratse tamy ty ndaty iaby, reo firenena, vaho
ty sambe hafa fivola zay misy antane etoyiaby tihoe: "Hampitomboe aminao rie ty fiadana."[26]Zao rahole manao
lily te amy ty fanampaha iaby amy ty fanjakako le mangovitse naho matahotse eo agntreha ty Andragnahare i
Daniela ty ndaty, lefa Ie ro Andragnahare velonaho miay mandrakizay, vaho ty fanjakane tokone tsy horavae; ty
fanampahane le tokone hozisikamparane. [27]"Miaro naho magnavotse antika reke, vaho manao famantara naho
fahagaga andagnitse agne naho antane etoy Reke;niaro andre Daniela hoavotse tamy ty here reo liona
Reke."[28]Naho zay le nambine agnate ty fitondra i Dariosa naho agnate ty fitondra i Kyrosy aze Persiana i Daniela.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 7

[1]Tamy ty tao voanalohane nanjaka i Belsazara mpanjaka i Babilonia, le nagninofy naho nahazo fahita tao
antsaigne i Daniela naho nadre tampandreaneo reke. Bakeo le nanoratse ze nihisagne tagnate nofy ao reke.
Naonoratse reo raraha mavesatse loatse reke: [2]Nagnazava i Daniela tihoe: ''Tagnate fahita tao niankale le
nahisake reo tioke bey le nipaoke lagnitsey ka nampihetseke iriakey. [3]Biby befoloay efetse, sambe hafa karaza
aby, ro niboake bak'andriakao.[4]Aze voanalohaney manahake liona fe mana elatse manahake voromahere. Naho
nanente raho, rovitse ty elae vaho miongake amy ty tane zane ka mitsanga amy ty tomboke roe, manahake ndaty.
[5]bakeo le nisy biby faharoe, manahake bere, vaho niondreke zane, nana rira telo agnovo i nifeney eo naho ty
vavae zane. Nivolagnene zane tihoe: 'Mifohaza vaho homana ndaty maro.'[6]Tafara zay nanente draike raho. Nisy
biby raike hafa, raike manahake leoparda. Tandam-bosigne ao nisy elatse efetre manahake voro, vaho nana
ndoha efetse zane. nimea fahefa hanampake zane. [7]Tafara zay le nahisake biby fahaefatse tagnate nofy ao raho
niankale,nampihorohoro, nampitahotse, vaho vatagne natanjake. Nana nife vy befoloay reke; nindrimitse,
namotepoteke, vaho nandialia ze sisa tamy ty tombogne. Zane tsy mira amy reo biby ilae, vaho nana tsifa folo
reke.[8]Naho nandineke reo tsifa raho, le nanety vaho nahisake tsifahafa nitiry eo amy zay, tsifa kele raike. Ty telo
amy reo tsifa voanalohane le niboake tamy ty fotoe . Nahisake maso manahake maso ndaty tagnate tsifa tai raho
vaho vava zay mivola momba reo raraha befoloay.[9]Naho nanente raho, le nitoboke tamy reo seze fiankina, vaho
reo Andro Fahagola ro nangalake ty fitobohane.Foty manahake mika ty akanjoe, vaho ty voln-dohae manahake
volon'aondry ty miharo. Lelan'afo ty seze fiankinane, vaho reo tombogne afo mirehetse.[10]Nandeha niaboake
bakeo agnoloa ty lohandr'anon'afo; antapotrisane ro nivavake amine, vaho zato tapetrisa ro nitsanja eo
agnatrehane eo. nivory ty fitsara, vaho nisokatse boky.[11]Mboe nanente avao raho naho ty rehake nivolagne reo
tsifa. Nanente raho naho biby mboe vinonoy, vaho nisimbae ty vatagne, ka nimey mbahoroa zane. [12]Vaho ty
tavela tamy reo biby hafa efatse, le nalae ty fahaefa iareo handily, nefa nihalavae ty fotoa hiaigna iareo.[13]Tagnate
fahitagnao tamy halekey, le nahisake ndaty raike avy niarake tamy reo rahognity lagnitse manahake ty anake
ndaty raho; bakeo amy ty Andro Fahagola reke vaho naseho teo agnatrehane. [14]Nimey aze ty fahefa hanampake
naho voninahitse vaho here fiankina mba hivavake amine reo ndaty iaby, reo tany, vaho reo sambe hafa fivola.
Ty fahefane hanampake le fahefa zisike amparane zay tsy horava, vaho ty fanjakane le aze tsy horava
zisikamparaney.[15]Naho ty amiko, Daniela, le malahelo ato agnate ty fagnahiko, vaho reo fahita ze hisako tantsiko
ao le mampngovitse ahike. [16]Namonje ty raike tamy reo nitsanga raho vaho nangatake ty hampahafantarane
ahike ty dika ireo[17]Reo biby befoloa reo, efetse naho isafe, le mpanjaka efatse zay hisandratse bakamy ty tane.
[18]'Fa reo ndaty masy ty Ambone Agne le handrae ty fanjaka, vaho hana ty fanagnane zisikam-parane iareo.'[19]Vaho
tehahafantatse loatse ty momba biby fahaefatsey raho ----le tena vatagne hafa amy reo biby reke vaho vatagne
mampiholitsakoho amy ty nifene vy naho reo hoho varahy; mandrapake zane, mamotepoteke, vaho
mandialiaamy ty tombogne ze tavela. [20]Ta-hahafantatse momba reo tsifa folo eo amy loha eo raho, vaho momba
aze tsifa telo nitonta tagnatrehaneoy. Ta-hahafantatse momba aze tsifa mana masoy vaho momba reo vava
mirehake raraha befoloay raho vaho nihabey mihoatse ilae reo zane.[21]Naho nanente raho, io tsifa io le mikarama
naly manohetse reo ndaty masy vaho naharese aze iareo [22]zisike ty ihavia ty Andro Fahagola, vaho fahamarena le
nimey reo ndaty masy aze Ambone Loatse. Bakeo le avy ty fotoa iaby nandrae ty fanjaka reo ndaty masy.[23]Zao ro
nitalilie ndaty: 'Naho ty amy biby fahaefatsey, hafanajaka fahaefatse amy ty tane zay hohafa amy reo fanjaka
hafa iaby zane. Handrapake ty tane iaby manontolo zane, handia naho handrava aze hopoteke. [24]Naho ty amy
tsifa folo reo, mpanjaka ro hisandratse bakamio fanjaka io, vaho raike hafa ro hisandratse afara iareo. Hohafa
amy reo telo loha zane, vaho handrese reo mpanjaka telo reke.[25]Hivola tene manohetse aze Avo Indrindra reke
vaho hampijale reo ndaty masin'Andragnahare Avo Indrindra. Hiezake ty hagnova feteo naholalanao reke. Reo
raraha reo le homey antagnaneo taogneraike, roe tao, vaho tapa-tao. [26]Fahivory ty fitsara, ka hangalake ty here ty
fiankinane mba hosimba naho horava amparane agne iareo.[27]Ty fanjaka naho ty fanampaha, vaho ty habey ty
fanjaka eo amabane ty lagnitse iaby, le homey reo ndaty zay ndaty masy aze Avo Indrindra reo. Ty fanjakane le
fanjaka maharetse zisikam-parane, vaho reo fanjaka hafa iaby le hanompo naho hagnina aze.' [28]Itoy ro
nifaragnane. Naho ty amiko, dniela, nanaitse ahike vatagne reo eretseretso vaho niova ty tareheho. ''Fanitanako
hoahike raike raraha reo.''

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 8

[1]Tamy ty fotoa nanjaka i Belsazara Mpanjaka, zaho, Daniela, le nisy fahita niseho tamiko (tafara ty nisehoa i
fahita nihisako voanalohaney). [2]Hisako tamy ty fahita, naho nanente raho, le tao agnate ty fiarova mafe i Sosana
tagne amy ty faritse i Elama raho. Hisako tagnate fahita ao te nagntreke ty Lanka ndrano Olay raho.[3]Nanente
ambone raho vaho aondry lahy niarake amy tsifa roe tagnoloako eo, nitsangna tagnila i lakan-dranoy. Ty tsifa
raike lava naho ty tsifa ilae, fa aze raike lavay nitiry tsikelekele naho ilaeo boriborio vaho nihoatse ty halava
zane. [4]Nahisake aondry lahy nilay niagnandrefa , bake niagnavaratse, vaho bakeo niagnatomo raho; tsy nisy biby
afake nijano nanandrife aze. Tsy nisy tamy iareo afake namonje ze hiala antagnaneo. Nanao ze tene reke, vaho
nihabefoloay.[5]Naho nisaintsay zane raho, le nahosake ose lahy baka handrefa, zay nandea nagnera ty tane iaby,
nilay mafe, hoy tsy mandiataney. Nanantsifa lava teo agnivo masoney eo iosey. [6]Nimbamy aondry lahy mana tsifa
roe eo reke---- nahisake ty aondry lahy nitsnga teo amy ty morogny ty lakandrano raho--- vaho ty ose nilay hoeo
amy aondry lahy tamyn-keloke mahere loatse.[7]Nahisake aze oselahy niharine aondrilahy raho. Meloke mafe tamy
aondrilahy reke, vaho namango aondrilahy ka namotepoteke tsifane roe reo. Tsy nanan-kere hitsanganane
magnatreke aze. Tsy nisy afake iaondrilahy atmy ty herene. [8]Nihabefoloay ioselahy bakeo. Fanaho nihamahere
reke, le nivaky tsifa lavabey, vaho tamy nisiaze igne le nisy tsifa efatse lavabey hafa nitiry zay nitondro ty rivotse
efatse ty lagnitse.[9]Nisy tsifa hafa nitiry, kele tamy ty voanalohane, fa lasa befoloay vatagne tagne atimo, tane
atignana, vaho tane amy ty tanee ty hasoane. [10]Lasa befoloay vatagne zane manahake ty hilitse agnaly miarake
amy ty miaramila ty lagnitse. Ty ilae tamy zane miaramila zane naho ty ilae tamy reo vasia le natonta tamy ty
tane, vaho nandialia aiereo zane.[11]nanao ty vatagne hobefoloay manahake ty mpifehe ty maramila reke, vaho
nagnala tamine ty soro oroa tsy tapake zane, vaho ty toera masy le naloto. [12]Naho ty fankalaigne, le homey ty
tsifan'ose ty maramila, vaho hajano ty soro oroa. Haria ty tsifa amy ty tane ambone ty fahamarenane, vaho
hotomomba amy zane atae zane.[13]Vaho naharey masina nivola raho vaho nisy masy hafa namale aze: "Zisike
mbia ty hahareta raraha reo, io fahita momba ty soro oroagnio, ty fahota zay manday fandrava, ty fagnambonea
ntegna eo amy ty toera masy, vaho ty maramola ty lagnitse voalialia?" [14]Hoe reke tamiko: "hagnare 2. 300 hariva
naho maray zane. Afara zane le hatoboke soa ty fitoera masy."[15]Lafa nahisake ty fahita, raho, Daniela, le niezake
hanakatse zane raho. Vaho nisy raike manahake ndaty nifankarine amiko. [16]Naharey feon-dahilahy nikaike teo
agnivo ty olon-dakan-drano Olay raho. Hoe reke: Nao Gabriela, ampeo io lahilahy io hahatakatse ty fahita." [17]Ka
niharine ty nitsanganako reke. Lafa niavy reke, natahotse raho nagnondreke ty natako hoamy ty tane. Hoe reke
tamiko: "Mahatakara, ty anagny ty ondaty, fa ty fahita le hoamy ty fotoa ty farane."[18]Lafa nirehake amiko reke, le
lasa niazondroro bey raho nibafoke amy tane eo ty vatako. Vaho nitsapa ahike reke vaho nampitsanga ahike.
[19]Hoe reke: "Ingo, hamphitaheko anao zay hisy aty afara amy ty fotoa ty heloke, satria ty fahita le mikasike ty
fotoa voatoka hoamy ty farane.[20]fa ty rameva zay hisagnao, aze mana tsifa roe---- reo ro mpanjaka ty Mediana
naho Persiana. [21]Aze aondrilahy le ty mpanjaka ty Grisia. Ty tsifa lava teo agnivo masoney ro aze mpanjaka
voanalohaney.[22]Lah ty amy tsifa aze tampakey, teo amy ty toera zay niboaha reo efatse hafay---- hisy fanjaka
efatse hiboake amy ty fireneny, fa tsy amy ty herene befoloay. [23]Amy ty fotoa farane reo mpanjaka reo, le hisy
manjaka masia-tarehe, zay vatagne mahay raha, hitsanga.[24]Hobefoloay vatagne ty herene---- fa tsy tamy ty herene
vao. Hovere amy zay horavaene reke; hiasa reke vaho hovagno. Handrava vahoake mahere reke vahoake eo amy
reo zay masy. [25]Amy ty fahihirane ro hanovane fitake hovagno ambone ty tagnane. Hobefoloay amy ty eretseree
reke. Hndrava ndaty maro tsiampoize reke. Hitsanga reke na hanohetse ty mpanjaka reo mpanjaka aza, vaho
hopoterke reke, fa tsy amy mba amy ty tagna ty ondaty aza.[26]Ty fahita momba reo hariva naho reo maray zay
fanitalilie le marene. Te asio tapo ty fahita, te mitondro andro maro amy ty hoavy zane."[27]Ka zaho, Daniela, le
rerake vaho nandre agnate ty andro maromaro. Vaho nifiha raho, ka nandeha tamy raraha ty mpanjaka. Fa
niholitsakoho tamy fahitagny raho, vaho tsy nisy na raike honahatakatse zane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 9

[1]Dariosy le anadahign'i Ahasoerosy, foko ty Mediana. Ahasoerosy ro le fa natao mpanjaka teo amity farignireo
Babylona. [2]Naho tamity tao voalohane nanjaka i Dariosy, izaho Daniela, nianatre reo boky misy ty safa Yaveh,
rehake ze fa niavy tam'i Jeremia mpaminane. Nidineke raho fa tokone nisy fitompolo tao hatramity niala i
Jerosalema.[3]Natoliko tamy tompo Zagnahareko ty vatako, mba hipay aze amity fivavaha vaho fangataha, amity
fifalian-kane, fiakanjoa lamba fandala, naho fitoboha amity lavenoke. [4]Nivavake tamy Yaveh Zagnahareko raho,
naho nanao fagnenkean-kadisoa tamireo hadisoantika. Hoe raho ty hoe:" Tompo o__Riha ro foloay vaho
Zagnahare mahisake__Riha ty arere mba miambe ty fagnenkea naho matoky amity fiteava reo ze tea anao vaho
miambe reo lilignao.[5]Tefa nidiso zahay naho le fa nanao ty tsy mete. Tefa nanao etam-bata raty vaho mavande
zahay, niala tamity lilignao vaho reo fotsipeke nao . [6]Tsy nijano reo mpaminane mpanompo nao te nirehake
tamity agnaranao zahay, reo mpitarike anay, reo razambeinay, naho reo vahoake ty tane iaby.[7]Anao, ry Tompo, ty
hamarea. kanefa, ho anay amizao, ty hegnatse eo amity vatanay__ho ahy ty vahoake i Joda vaho reo ze mitoboke
agne Jerosalema, naho ho ahy ty Israely iaby. Agnate zay reo ze marine vaho reo ze lavitre vatane agne amity
tane iaby ze nandefasanao iereo. Zane le noho ty fitake bey ze nataonay handietse anao. [8]Ho anay, ry Yaveh, eo
amity vatagnay ty hegnatse__ho ahy reo mpanjakanay, ho ahy reo beibeinay, naho ahy reo razambeinay__satria
le fa nidiso taminao zahay.[9]Ahy tompo Zagnaharenay ty fiferenaigna vaho ty fandefera, fa le fa navande
handietse aze zahay. [10]Zahay le tsy nanenke ty feo Yaveh Zagnaharenay tamity fandeha arake ty liline ze nomeane
anay tamity alala reo mpaminane mpanompone. [11]Ty Israely iaby le fa nandika ty lilinao ka niala, nilietse tsy
hagnenke ty feonao. Ty ozo vaho ty fifanta ze voasoratre ao amity lily i Mosesy, ty mpanompon'Agnahare, tefa
naily taminay, satria le fa nidiso tamine zahay.[12]Yaveh fanagname ty tsara zay nitaliliene manohetse antika naho
manohetse ty fitsipike teo amintika, tamy ty findaisa loza teo amintika. Tsy nisy raraha vita naho ampitovize amy
ty namboare tamy Jerosalema teo ambane ty lagnitse iaby. [13]Laha ty voasoratse ao amy ty lily Mosesy, naho ty
ihavia zane loza zane amintika, mboe tsy nangatake ty famindragnarofo bakamy Yaveh Andragnahare nay tamy
ty fiala amy ty helognay naho hahisahanay ty fahamarenanao zahay. [14]Naho zay le nitahirie Yaveh hovogno ty
loza vaho nandesene taminay eo zay, kanefa mboe tsy nagnina ty feone avao zahay.[15]ka, ry Tompo Zagnaharenay,
nientenao niakatse bakagne amity tane Egypta ty vahoakenao tamity tana mahere, naho le fa nanao agnara
fanta-daza ho ahy ty vatagnao riha, hoe ze andro androany zao. fa mboe nidiso avao zahay; te fa nanao reo zaka
raty. [16]Ry Tompo, naho ty asa mare nao,le ao ty helognao vaho ty havignira nao hidiso amy Jerosalema tana nao,
ty vohitse anao masy, Te naho amity hadisoa nay, vaho naho ty helok'iereo razambeinay, le lasa antom-piafaham-
baraka ho ahy ze magnodidy anay ty Jerosalema vaho reo vahoakenao.[17]Henanekezao, ry Zagnaharenay,
midranjigna ty vavake ty mpanompo nao vaho ty fangataha ty famindragnarofo; fa naho ty aminao, Tompo o, le
ampamirapirato eo amity fitoeranao masy ze rava ty vatagnao. [18]Zagnahare e, sokafo ty sofinao ka midranjigna;
sokafo ty masonao ka manentea. Tefa simba rava zahay; henteo ty tana ze kinaike amity agnaranao. Tsy
mangatake ho ahy ty fagnampeanao zahay noho ty fahamareanay, fa amity famindragnarofo bey. [19]Tompo e,
midranjigna! Tompo e, magnafaha ty hadisoa! Tompo e, midranjigna ka mihetsefa! Naho ty aminao arere, ko
enga, ry Zagnahareko, te ty tana nao vaho ty vahoakenao le kaihe amity agnaranao."[20]Laha mboe nirehake
raho__nivavake vaho nikaike ty hadisoako vaho ty hadisoa Israely vahoakeko, naho nanoro ty fagantahako teo
agnoloa Yaveh Zagnahareko ho ahy ty vohitse masin'Agnahare__[21]laha mboe nivavake, ty lahilahy Gabriela, ze
hisako tao amity fahisaha voalohane, nitily tamiko teo tamity fitiligna malaky lia, tamity andro ty fagnatetre
hariva.[22]Nagnomea fazavan-tsay ahy re naho nanao ty hoe:" Ry Daniela, avy hagnomey halalen-tsay vaho
fazavan-tsay ho anao raho zao. [23]Laha fa namototre nangatake famindragnarofo riha, le nomea ty baiko naho avy
raho hirehake aminao ty valene, fa riha le teave vatane. Laha zao le tiarovo ze rehake zao naho takaro ty talily.
[24]Fito amby fitopolo amity tao ro voalily ho ahy ty vahoakenao vaho ty tana nao masy mba hampijanogna ty
heloke vaho hampijanogna ty hadisoa, handiera ty haratia, naho hindaisa ty fahamarea zisikezay, mba
hagnatanteraha ty fahisaha vaho ty vetsevetse, naho fagnamasina ty fitoera masy faratampene. [25]Fantaro naho
takaro fa bakamity fiakara ty baiko ro hagneregna amity lalane vaho hagnoregna ndraike Jerosalema ho ahy ty
fiavia ty aze voahosotre (zay ho mpitarike), hisy fito impito vaho roe ambienempolo impito. Haore amity lily vaho
haly ndraike ty Jerosalema, na le eo aza reo androm-pijalea.[26]Afake roe amby enem-polo impito amity tao, ty
voahosotre le ho rava naho tsy hana na ino ino. Ty tafy ty mpandily ze hoavy le handrava ty tana vaho ty fitoera
masy. Ty fiafaragn'izay le ho avy miarake amity ranobey, naho hisy aly, ndra le agne amity farane aza. Tefa
voalily ty fandrava.[27]Hagnamafe ty fagnenkea amity maro agnate ty fito raike re. Amity fisasaha ty fito le
hampijano ty soro vaho ty fagnatetse re. Amity ela ty haratiaratia ro ho avy ty ndaty zay handrava. Ty fiafara
vatane vaho ty fipoteha le natalily fa hazotro amize mpandrava."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 10

[1]Tamity tao fahatelo nanjaka i Kyrosy mpanjaka i Persia, le nisy hafatse natalily tamy Daniela, ze kinaike avao
kea ty hoe Beltesazara. Mare ze hafatse zay. Zay le miomba ty aly bey. Nahatakatre ty Hafatre ty Daniela laha fa
nahazo faragnitan-tsay bamity fahisaha re.[2]Tamize andro zay, zaho Daniela, le nandala zisike ty telo
heregnandro. [3]Tsy nihina hanem-py raho, tsy nihina hena vatane, tsy nino divay vatane, naho tsy mba
nagnosotre diloilo tamity vatako zisike ty telo heregnandro iaby.[4]Tamity andro fahefatre amby roapolo ty tamity
voaloha ty vola, laha tagnila ty rano bey teo raho(zane hoe,Hedekela), [5]niandrandra raho naho nahisake lahilahy
nisiky lamban-drongone, miarake amity fehetroke vita amity volamena tsy miharo bakagne Ofaza magnodidy ty
valahane. [6]Ty vatane le hoe ty topaza, naho ty tarehene hoe ty hazava. Reo masone manahake ty fanilo mirehetre,
naho reo sandrine vaho ty tombone manahake ty varahy manganohano. Ty feone manahake ty feo ondaty maro
bey.[7]Izaho, Daniela, avao ro nahisake, fa ty ndaty ze tamiko eo le tsy nahisake ty fahisaha. Na zay aza, avy
tamiereo eo ty verevere foloay, naho nilay nihaja iereo. [8]Ka zaho arere ro sisa teo naho nahisake ty fahisaha bey.
Tsisy here nitoetre tamiko ao; nisimba ty valoare ty toeko nisoasoa, naho tsisy here nitoetre tamiko ao. [9]Le
naharey reo rehane raho__naho laha naharey iereo raho, latsake amity roro laleke raho naho ty tareheko teo
amity tane.[10]Nisy tana nikasike ahy, naho nampihovitse ty ongoko vaho ty rambon-tagnako. [11]Nirehake tamiko ty
anjely ty hoe:" Ry Daniela, lahilahy fahay fa mafe, haiko ty rehake ze nirehafeko aminao. Mitsangana mahity,
satria nirahe ho aminao atoy raho." Laha fa baka nirehake zay hafatre zay tamiko re, le nitsanga amim-pititike
raho.[12]Le hoe re tamiko:" Ko matahotre, ry Daniela. Nanomboke tamity andro voalohane nahaizanao zay tao
antsainao naho niambaneanao teo aloha ty Zagnaharenao, le fa rey ty rehanao, naho avy raho noho ty rehanao.
[13]Ty roandria ao amity fanjaka i Persia nandietse ahy, naho niambe ty mpanjaka i Persia raho zisike ty raike amby
roapolo andro. Fa i Mikaela, raike amireo roandriam-bey, ro niavy nagnampe ahy.[14]Henanekezao avy raho
hagnampe anao hahay ze hizo ty vahoakenao amity andro farane. Fa ty fahisaha le ho amity andro mboe hoavy."
[15]Laha fa nirehake tamiko tamity fampiasa reo rehake reo re, natoliko tamity tane ty vatako naho tsy afake
nirehake raho.[16]Nikasike ty sogniko ty ndaty raike ze manahake ty anagn'ondaty, naho namoha ty vavako rahi ka
nirehake tamine nitsanga teo agnoloako ty hoe:" Ry tompoko,noho ty fahisaha le ao agnate fijalea raho; tsy misy
here sisa ty amiko ato. [17]Mpanomponao raho. Ino ty hahafahako mirehake amity tompoko? Fa henanekezao tsy
manan-kere raho, naho tsy misy fofogn'ay tavela agnateko ato."[18]Nikasike ahy ndraike iaze nangalake
toeragn'ondaty naho nagnamafe ahy. [19]Hoe re ty hoe:" Ko matahotre, ry lahilahy hay fa mafe. Fiadagna anie ho
anao! Mimafea te amizao, matanjaha!" Laha mboe nirehake tamiko re, le nahere raho. Hoe raho ty hoe:" Ao ty
tompoko ro hirehake, fa nagnamafe ahy riha."[20]Le hoe re ty hoe:" Hainao vao nagnino raho ro avy aminao eto?
Mboe hihere hialy amity roandria i Persia raho. Laha fa mindeha raho, le ho avy kea ty roandria i Grisia. [21]Nefa
ho talilieko aminao ze voasoratre ao amity boke ty mare. Tsy misy ndaty manoro ty oza ty vatane amiko mba
handietre iereo, naho tsy Mikaela roandria nareo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 11

1 Tamity tao voalohane najaka i Dariosy Mediana, le izaho vatane ro lasa hanoha vaho hiaro i Mikaela. 2 Ho
rahafeko aminao ty mare amizao. Hisy mpanjaka telo hitsanga agne Persia, naho ty fahaefatre le ho mpagnarivo
tane reo hafa iaby. Laha fa nahazo here tamity hareane re, le handrisike ty ndaty iaby handietse ty fanjaka i
Gresy. 3 Hisy mpanjaka mahere hitsanga te handily fanjaka bey vatane, naho hanao arake ze iriene re. 4 Laha fa
tafitsanga re, le ho rava ty fanjakane naho hizara amity tioke efatre ty lagnitre, fa tsy amity fokone arere, naho
tsy amity asane nandiliane. Fa ty fanjakane le ho poteke ho ahy ty hafa ankoatre reo fokone. 5 Ty mpanjaka ty
antimo le ho lasa mafe, feie ty raike amireo mpifehene le hizare mafe tane i re naho handily ty fanjakane amity
here foloay. 6 Tao tsiampe afaragnizay, laha fa mete ty fotoa, le hanao fivavaha iereo. Ty anak'ampela ty mpanjaka
ty Antimo ho avy agne amity mpanjaka ty Avaratre hagnamafe ty fifagnenkea. Feie tsy hahata ty here ty vatagne
re, na kea ho tafijano ralahilahy, na ty vatane. Hafoe re__re vaho reo ze ninday aze, naho ty raene, vaho ze
nanoha aze tamize andro zay. 7 Fa hisy tahone bakamireo sempane hitsanga hisolo ty toerane. Hanafike ty tafike re
naho hilitse ao amity fiarova mafe ty mpanjaka ty Avaratre. Hialy amy iereo re, ka haharese aze. 8 Hoentene agne
Egypte reo zagnaharene amity sare voasokitre vy naho reo finga volafoty vaho volamena lafo gniereo. Hijano
lavitre ty mpanjaka ty Avaratre zisike ty tao maromaro re. 9 Hagnaike ty fanjaka ty mpanjaka ty Antimo ty
mpanjaka ty Avaratre, feie hidiso ho agne amity tanene re. 10 Ho vogno naho hamory tafike foloay reo anadahine.
Hoavy zisikagne zisikagne zay naho hanafotre ty zaka-iaby; handrio bakeo amity lala iaby ho eo amity fiarovane
mafe zay. 11 Hinjare ho vignetse mafe ty mpanjaka ty Antimo; hindeha naho hialy amity mpanjaka ty Avaratre re.
Hananga tafike mafe ty mpanjaka ty Avaratre, feie homey eo antagnane ty tafike. 12 Ho lasa ty tafike, naho ty arofo
ty mpanajaka ty Antimo ho ambone, naho hanonta agnalegnalene re, feie tsy ho mpaharese. 13 Hananga tafike hafa
ty mpanjaka ty Avaratre, henja naho ty iaze tamity Voalohane. Tao maro tafara atoy, le ho avy vatane ty
mpanjaka ty Avaratre miarake amity tafike henja minday fiasa maro. 14 Amize fotoa zay le lako ro hitsanga
handietse ty mpanjaka ty Antimo. Anake mpisetresetre lako eo amity vahoakenao ro hametrake ty vatagn'iereo
hahatanterake fahisaha raike, feie ho tafintohy iereo. 15 Ho avy ty mpajaka ty avaratre, handrarake tane hagnanoa
tovon-tane, naho hahazo tana amity fiarova mafe. Tsy ho afake mitsanga ty tafike ty Antimo, na le reo miaramila
mahere vatane aza. Tsy hisy here ho fafijoro. 16 Te kea, ze ho avy ro hanao ze iriene handiera aze; tsy hisy ho
tafintsanga eo amity lalane. Hitsanga eo amity tane ty hasoa re, naho ho antagnane eo ty famoteha. 17 Hagnoma ty
vatane ho avy miarake amity herene ty fanjakane iaby ty mpanjaka ty Avaratre, naho hisy fifagnaraha ze ataone
miarake amity mpanjaka ty Antimo hindray amine. Hagnomey anak'ampela bakamity ampela hampiakare re
mba hamoteha ty fanjaka ty Antimo. Fa tsy ho vagno na hagnampe aze ty hevetre. 18 Afaragnizay, le ho mete amity
sisin-tane ty mpanajaka ty Avaratre naho hangalake ty maro amy iereo. Feie hisy mpifehe hampijano ty
avognavone naho hahavy ty reharehane hivalike ho agne amine avao. 19 Le ho mete amity fiarova mafe ty tanene
avao re, feie ho tafintohy re ka ho tonta; naho tsy ho hisake. 20 Le hisy ndaty hitsanga hisolo ty toerane ty
hampandeha mpamory hetra raike noho ty amity famirapirata ty fanjaka. Fa amity andro mgnarake eo le ho
torotoro re, fa tsy amity heloke na amity aly. 21 Ndaty tsinasia-antone te tsy mba homea ty ndaty ty hasy ty fahefa
ty mpanjaka ro hisolo ty toerane; ho avy tampoke re naho hangalake ty fanjaka an-kihitse. 22 Hisy tafike raike ho
voafaoke manahake ty safo-drano agnoloane eo. Sambe ho rava iaby ze tafike zay vaho ty mpitarike ty fagnenkea.
23 Amity andro ze hanaova fifagnaraha miarake amine, le hamitapitake re; vahoake tsy ampe avao ro hahalasa aze
mafe. 24 Ho avy agne amity faritane mana-karea vatane tsy hampiambe zane re, naho tsy hanao ze natao ty raene
na ty rae-beine re. Hanjara reo voasambotre, reo azo reo, naho reo harea eo amireo mpagnoridia aze re.
Hihevetre ty fagnongana ty fiarova mafe re, fa tsielatsiela avao. 25 Hamoha ty herene re naho ty arofone handietse
ty mpanjaka ty Antimo amity tafike bey. Hananga aly amity tafike foloay, tena mahere ty mpanjaka ty Antimo,
feie tsy hiangy re satria hikonokono handietse aze ty hafa. 26 Na ze mihina ty hanem-pine aza le te hamoteke aze.
Ho voafaoke manahake ty safo-drano ty tafine, naho maro amiereo ro go tonta matemate. 27 Sambe hipetrake eo
amity latabatre raike avao reo mpanjaka reo, amity arofo iereo mikasa ty hanao raty, hifavande ao amy iereo,
feie tsy hisy antone zay. Te ho avy ty farane amity andro ze fa voatondro. 28 Hihere agne amity tanene miarake
amity haream-bey ty mpanjaka ty Avaratre, miarake amity arofone mandietse ty fagnenkea masy. Hiasa re naho
holy agne amity tanene avao bakeo. 29 Amity andro voamare le hihere re naho ho avy handietse ty Antimo ndraike.
Fa amity raike toy le tsy ho hitovy tamity taloha. 30 Fa ho avy handietse aze reo sambo i Kitima, naho hinjare
hatahotre ka hihemotre re. Ho sosotre amity fagnenkea masy re, naho hisaotre amireo ze mahafoe ty fagnenkea
masy. 31 Hitsanga ty herene ka hanonta-faly ty fiarova mafe ty fitoera masy. Halaign'iereo ty fagnatetre oroa
mahazatre, naho hapetrak'iereo ty zaka-raty ze mahavy hafarava. 32 Ty amireo ze raty fagnahy tamity fifagnenkea,
le ho fitahene rey ka ho simba toera. Feie reo ndaty ze mahay ty Zagnahare iereo le homafe naho hiasa. 33 Reo ze

hendre eo amity ndaty ro hampahay ty maro. Fa ho lavo-meso vaho ty lelan'afo iereo; ho lavo agne amity fahazoa
vaho ty famoteha zisike ty andro maro iereo. 34Amity halavoa gniereo, le ho vonje amity famonjea kele vaho
bitike iereo. Hikamba amy iereo amim-pihatsarambelatsihy ty maro. 35Ho lavo ty ilane amireo hendre kane le ho
avy amiereo ty fandiova, ty fanasa, naho fagnaliova, zisike ty andro ty farane. Fa mboe hoavy avao ty andro
voamare.36Hanao arake ze iriene ty mpanjaka. Handazam-bata re ka hanao ty vatane ho bey ambone ty
zagnahare iaby. Hitalily zaka mankarare handietse ty Zagnahare ty zagnahare re, fa hosoa zisike ty hilefea ty
havignira re. Fa ho atao ze le fa nolilie. 37Tsy mba hiraharaha reo zagnahare ty razane re na ty zagnahare irie ty
ampela. Naho tsy hiraharaha ze mete ho zagnahare iaby re. Fa hanao ty vatane ho ambone ty ndaty iaby re.
38Hankalaza ty zagnahare ty fiarova mafe re fa tsy iereo. Zagnahare ze tsy nekene iereo razane ro homea haja
amity volamena vaho volafoty, amity vato soa vaho fagnomeza lafo zay. 39Hanafike reo fiarova mafe vatane re
amity fagnampeane zagnahare hafa. Iaby ze magneke aze, le homeane hasy bey. Hataone mpandily eo amy ndaty
maro reo.40Amity andro ty farane ro hanafike ty mpanjaka ty Antimo. "Hagnisy aze amity kalesy vaho mpitiki-
tsoavale, naho sambo maro ty mpanajka ty Avaratre. Ho avy handietre reo tane re, hagneneke iereo, naho
hamakivaky zay. 41Hindeha agne amity tane ty hasoa re, naho Israelita agnalegnalene ro ho tonta. Fa toa ro ho
tafilay amity tanegn'i :Edoma, Moaba, naho reo sisa tamity vahoake i Amona.42Hagnabey ty tagnane amireo tane
re; naho tsy havota ty tane Egypta. 43Hifehe ty raketre volamena vaho volafoty re, naho ty harea i Egypte iaby; ho
atombone eo reo Lybiana vaho reo Etiopiana.44Fa hagnorohoro aze ty vaovao bakagne antignana vaho avaratre,
ka hindeha hiakatre amity heloke bey re mba hamoteha vatane naho hanokana ty maro ho rava. 45Hagnore ty
anjomba ty ty mpanjakane eo agnivo ty riake vaho ty vohitse ty hasoa ty hamasina re. Ho avy amity fiafarane re,
vaho tsy hisy hamonje aze.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 12

[1]"Amize andro zay ty Mikaela, ty roandrian-bey ty miambe ty vahoakenareo, le hitsanga. Hisy andro ty fijalea ze le mboe tsy nisy zisike ty nanomboha ty firene hatramize andro zay. Amize andro zay ty vahoakenao le ho voavonje, le iaby ze hisake fa voasoratre agnara ao amity boke. [2]Maro amizay miroro amity deboke ty tane ro hitsanga, ty ilane ho amity fiaigna zisikagne naho ty ilane ho amity hamarea vaho fandratia zisikagne.[3]Reo ze hendre le hamirapiratre mitovy amity fazava ty lagnitse ambone, naho reo hagnere ty maro amity hamarea, le mitovy amireo kinta zisikezay. [4]Fa riha, ry Daniela, ahorogno reo rehake reo; hajario ho voaisy tombokase ty boke zisike ty hiavia ty andro farane. Maro ro hilailay etia vaho eroa, naho hitombo ty fahaia."[5]Naho zaho, Daniela, nanente, ka nisy roe hafa nitsanga. Ty raike nitsanga teto anstisy ty rano, naho ty raike teo agnila ty sisy ty rano. [6]Ty raike tamy iereo nirehake tamity lahilahy miakanjo rongone foty, ty teo ambone ty rano ty hoe:" Zisike mbia ro hiafara gnitoa zaka-mahagaga toa?"[7]Reiko ty lahilahy miankajo rongnone foty, ty tambone ty rano eo__nagnakatre ty tagnane ankavana vaho ty tagnane ankavia tamity lagnitse re ka nifanta tamity aze velo zisikezay fa ho andro raike, andro roe, vaho antsasam-potoa zay. Laha fa pinoteke avao ty here ty ndaty masy, le ho tanterake iaby reo zaka iaby reo.[8]Naharey raho, fa tsy nahatakatre. ka nagnotane raho ty hoe:" Ry tompoko, ino ro ho vokatre amitoa zaka iaby toa?" [9]Hoe re:" Mindehana amity lalanao, ry Daniela, fa ty rehake le fa vita horo vaho voaisy tombokase mandram-piavia ty andro farane.[10]Maro ro ho liove, ho voasasa, naho ho voafotsy, fa ty raty fagnahy hanao haratia. tsy hisy amity raty fagnahy hahatakatre, fa reo ze hendre ro hahatakatre. [11]Zisike ty andro ty fampitofa ty fagnatetre oroa mahazatre vaho ty fagnanaova ty zakaraty te minday ty famoteha vatane, le hisy andro 1290.[12]Sambatre ze miambe zisike ty fiafara ty 1.335 andro. [13]Tsy maintsy mindeha amity lalanao zisike farane riha, naho hijano riha. Hitsanga eo amity toera voamare ho anao riha, amireo andro farane."

# Hosea

Chapter 1

[1]Ezao ro tsarae Yaveh ze avy tamy dre Hosea anadahy ndre Bery tamy ty andro ndr'Ozia, Jotama, Ahaza naho Hezekia, mpanjaka ndre Joda,vaho tamy ty andro ndre Jeroboama anake lahy Joasy, mpanjaka Israely. [2]Vaho Yaveh laha nivola tamity alala Hosea voalohane, le hoe re tamine tihoe: "Mandehana, mangala valy ze makorele ho anao. Hanagnake ze voka ty hamakorelene re. Fa manao firioriova bevata amity fahafoeza ani Yaveh ty tane."[3]Kea le nindeha ty Hosea ka nanambaly Gomera anak'ampela Diblaima, vaho nivesatse re ka niterake kololahy tamine. [4]Hoe Yaveh tamy Hosea tihoe: "Anovo tihoe Jezirela ty agnarane. Fa agnate ty fotoa fohe le hagnafay ty longo Jeho raho naho ty fampipohan-dio tagne Jezirela, vaho famaragna ty fanjaka ty longo Israely raho. [5]Amy ze andro zay le ho tanpaheko amity baibo Jezirelao ty kidy Israely."[6]Nivesatse ndraike ty Gomera vaho niterake ampela. Vaho hoe ty Yaveh tamy Hosea tihoe: "Anovo tihoe Lo-rohama ty agnarane , fa tsy hana fandefera amity longo Israely sasy raho, ka tsy engako mihintsy ty hadisoa gniereo. [7]Fa kea hana fitsetsevagnarofo amity foko i Joda raho, Yaveh Zagnahare gniereo. Tsy hamonje iereo amity kiditse, mesobey, aly, sovaly, na mpitikits'ovaly."[8]Vaho lahafa avy nanara nono ani Lo-rohama ty Gomera, le nivesatse vaho niterake kololahy hafa ndraike re. [9]Le hoe Yaveh tihoe: "Anovo tihoe Lo-amy ty agnarane, fa nareo le tsy vahoako, vaho Iraho tsy Zagnaharenao.[10]Fa ty isa ty longo Israely kea le hanahake ty faseke amoron-driake egne, ze tsy hay afatse na sae. Vaho amity toera ze nivolagna tamy gniereo tihoe: 'Tsy ndatiko nareo', ro hivolagna amy gniereo tihoe: 'Ndaty Nagnahare velo nareo.' [11]Hivory ty ndaty i Joda naho ty ndaty Israely. Hintingy mpitarike raike ho aze iereo, vaho hiboake bakamity tane iereo, fa ho bevata ty andro i Jezirela.

## Chapter 2

[1]Volagno amy rahalahinao reo tihoe: 'Nao vahoako!' vaho amy reo anabavenao tihoe: 'Fa nanehoa ferenay
nareo.'"[2]Manaova fitoria handietse ty renegnao, Manaova fitoria, satria tsy valiko re, vaho Iraho tsy valine. Ao re
hagnafake ty fivarotan-tegnane tsy ho agnoloane eo, naho reo fihetseke hamakorely tsy ho agnivoa ty nonone.
[3]Laha tsy izay, haboridako re ka hasehoko ty fiboridane manahake ty tamity andro niterahane. Hataoko
manahaka ty efetse re, manahake ty tane maike, vaho hanoeko mate ty arandrano re.[4]Tsy hana ferenae amy
anane reo raho, satria ana ty fivaronta tegna iereo. [5]Satria ty rene gniereo le fa mpivarotegna, vaho ire ze ninday
vesatse aze reo le fa nanao fihetseke mahamegnatse. Hoe re tihoe: "Hagnorike ndaty teako reo raho, satria iereo
ro nagnomey mofo naho rano ho ahy, ty volon'agnodry naho takefako, ty soliboanioko naho rano."[6]Naho izay le
hananga lakoro misy fatike hanaka ty lalane raho. Hananga manda handietse aze raho ka tsy hahisake ty lalane
re. [7]Hangnidy reo ndaty teane re, kanefa tsy hahatsatse iereo. Hila aze iereo re, kanefa tsy hahisake iereo. Vaho
hivola re bakeo tihoe: "Hihere amity valiko voalohane raho, satria izay ro mete amiko kea naho izao."[8]Satria tsy
haine fa iraho iaze nagnome aze vare, divae vaovao naho soliboanio, vaho nanafotafo volafoty naho volamena
aze, ze nampiasa gniereo ho ahy Bala bakeo. [9]Kea halaeko ndraike ty varene amity androm-pamokarane, vaho ty
divaeko vaovao amity androne. Halako ndraike ty volon'agnodriko naho ty rongoniko ze nampiasa mba
hagnetaha ty fiboridane.[10]Vaho hengako hiborida amaso gnireo ndaty teane eo re, vaho tsy hisy ndra ia ndra ia
hahavonje aze an-tagnako eo. [11]Hampijano ty fankalazane iaby avao kea raho-reo kiborine, reo fankalazane ty
vola vaovao, reo Sabatane, vaho reo andro fifaleane voatondro iaby.[12]"Hamoteke reo voalobone naho reo hetae
n'aviavy raho, ze fa vinolane tihoe: 'Intoa ro tambe ze namea gnireo ndaty teako ahy.' Hanoeko ho ala reo, vaho
reo biby ty baibo hihina izay. [13]Hagnafay aze naho ty andro fifalea reo Bala raho, lahafa nagnoro linyen-ketae
magnitse ho ahy iereo re, lahafa nagnamy ty vatane tamity peratse naho ty firavane re, vaho nagnorike ndaty
teane reo ka nagnaligno ahy-ezay ro fitalilia Yaveh."[14]Kea lahafa marikitse amity fameregna aze raho. Hinday aze
ho agne an-tane afetse raho ka hivola aman-piteava amine. [15]Hagnere tanen-boalobone raho, vaho ty baibo ty
Akora ho vavahady ty fagnatena. Hamale ahy ao re manahake ty nanoene tamy reo androm-pahatanorane,
manahake ty tamy reo andro ze niboahane ty tane Egypte.[16]"Kea ho amy ze andro zay-izay ro fitalilia Yaveh-le
hikaike ahy riha rihoe: "Valiko,' vaho tsy hikaike ahy sasy riha tihoe: 'Balako.' [17]Fa hafahako am-bavane eo reo
agnara reo Bala; tsy ho tsaroe sasy ty agnara iereo.[18]"Amy ze andro zay le hanao fagnekea amy gniereo miarake
amy reo biby an-baibo agne, miarake amy reo voro ambone egne, vaho miarake amy reo zaka milaly amity tane
iaby raho. Hafahako tsy ho amity tane sasy ty kiditse, ty mesobey, naho ty aly, vaho hanoeko miroro zisikagne
riha.[19]Hampagnategna ty ho valinao zisikagne raho. Hampagnategna ty ho valinao amity fahamaregna. ty rarene,
ty tsy fivaliham-pagnekea, vaho famindram-po raho. [20]Mifanta amity vatako amam-pitokia ho anao raho, ka ho
haiko ty Yaveh.[21]Amy ze andro zay, le hamale raho-izay ro fitalilia Yaveh-hamale ty lagnitse raho-vaho reo hamale
ty tane. [22]Ty tane hamale ty vare, ty voaloboke vaovao naho ty soliboanio, vaho iereo hamale andre Jezirela.
[23]Hamboleko ho ahy amity tane eo re, vaho hana tsetse amy Lo-rohama ao raho. Hivola amy Lo-amy raho tihoe:
'Iriha ro ndatiko,' vaho iereo hanao Amiko tihoe: 'Iriha ro Zagnahareko.'"

Chapter 3

[1]Yaveh nivola tamiko tihoe: "Mandehana ndraike, miteava ampela raike, ze niteave ty valine, kanefa makorele.
Teavo manahake ty iteavako, Yaveh, ty vahoa Israely re, na le mivalike ho amity Zagnahare hafa naho tea mofo
vita amity voaloboke aza iereo." [2]Kea nivilieko sekeleke volafoty dime ambinefolo ho ahy naho vare hordea
homera raike naho tampane re. Hoe raho tamine tihoe: "Tsy maintsy mirae toboke amiko zisike ty andro maro
riha. Tsy ho makorele riha na ho ahy ty lahilahy hafa. Manahake izay avao, ro hiarahako aminao."[4]Fa reo ndaty
Israely le hiay andro maro tsy misy mpanjaka, roandrian-dahy, soro, andre vato, efoda na sampe-tragno. [5]Vaho
bakeo ty ndaty Israely le hihere vaho hila ani Yaveh Zagnahare gniereo naho Davida mpanjaka gniereo, vaho
amy reo andro farane, le ho avy man-tahotse agnoloa gn'Yaveh eo naho ty hasoane iereo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Njanjigno ty tsara Yaveh, inareo vahoa Israely. Manao fitoria amity ndaty ty tane Yaveh, satria tsy misy
fahamarena na fagnekea matoky ao, tsy misy fahaia an'Agnahare amity tane ao. [2]Misy ozo, vande, famonoa,
halatse naho fivarotan-tegna ao. Pinote ty vahoa ty fehe iaby, vaho ty miampe magnorike ty fampipohan-dio.[3]Ka
mihamaike ty tane, vaho kivy ze iaby mitoboke amy zay; reo biby ly an-baibo agne naho ty voro agne amity
lagnitse, na ty fia agnate riake agne aza, le afahe.[4]Fa ko magnega ndra ia ndra ia hanao fitoria; ko magnega ndra
ia ndra ia hanara ty hafa. Fa inareo zay, mpisoro, ze saraeko. [5]Harare nareo mpisoro zisikagne; harare miarake
aminareo avao kea ro mpitoky miarake amity hale, vaho ho potehe ty roenegnareo.[6]Lany ty ndatiko naho ty tsy
fahampea ty fahaia. Satria fa nilietse ty fahaia nareo mpisoro, Iraho avao kea le handietse anareo amity maha
mpisoro ho ahy. Satria nihalignonareo ty liliko, na le Zagnaharenareo aza raho, le hagnaligno anagnareo reo avao
kea raho. [7]Arakarake ty hitomboa ty mpisoro, ro handisoa gniereo amiko. Natakalo gniereo hegnatse ty hasy
gniereo.[8]Mihina ty hadisoa ty vahoako iereo; maeake ty haratiane bevata iereo. [9]Hitovy avao ho ahy ty vahoake
naho ho ahy reo mpisoro; hagnafay iereo aby naho ty fanaone raho; hamale iereo naho ty asane raho.[10]Hihina
iereo fa tsy ho voky; hagnantaterake fivarotan-tegna iereo fa tsy hitombo, satria nagnalavitse ani Yaveh iereo.
[11]Tea fivarotan-tegna mahamegnatse, divae, vaho divae vaovao iereo, ze nagnafake ty fahazavan-tsay gniereo.
[12]Magnotane reo aoly hetae ty ndatiko, vaho ty tampa ketae gniereo nagnome fitokia ho ahy iereo. Fa namitake
iereo ty fagnahy ty fivarontan-tegna, vaho ninday tegna manahake ty mpivaro tegna iereo laha tokone natoky ty
Zagnahare gniereo.[13]Manao soro an-dengom-bohitsey iereo vaho magnoro linten-ketae magnitse amy reo haboa
egne, ambane ty hetae oka, popola naho terebita, satria soa ty alokaloke. Ka vetveta ama-nofo reo anagnareo
ampela reo, vaho reo vinanto vavenareo mivarontegna. [14]Tsy hagnafay anakampela nareo reo raho lahafa mifily
ty hanao zaka malotoama-nofo iereo, na ty vinanto vavenareo lahafa mivarotegna iereo. Fa lahilahy reo avao kea
le magnomey ty vatane ho ahy reo mpivarotegna, vaho magnomey soro iereo kea afake manao asa maloto
miarake amy reo mpivaro tegna masy. Kea hatorake amy vahoake reo ze tsy mahay toy.[15]Fa iriha, Israle, le nanao
fivarontambata aza, le lonike Joda tsy hizare diso. Ko mindeha a Gilgala agne, iriha vahoake; ko mindeha
miboake a Betavena agne, vaho ko mifanta, manao tihoe: "Laha mboe velo kea ty Yaveh." [16]Fa Israely le ninday
vata tamity hereloha, manahake ty agnombe vave mafe loha. Hanao akore ty hindaisa gn'Yaveh iereo amity vole
egne manahake ty ana nagnodry amity tane akata agne?[17]Nampirae ty vatane tamy aoly reo ty Efraima; engaho
ho raike re. [18]Na le lany aza ty zaka finome mafe gniereo, le manohy ty firioriova iereo; tea vatane ty hegna
gniereo ty mpiasane. [19]Handrakoke iereo amity elane ty tioke; vaho ho megnatse iereo naho ty amity soro
gniereo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]"Njigno zao, nareo mpisoro! Manokilagna sofy, nareo longo Israely! Minjajigna, nareo longo ty mpanjaka! Fa ty
fitsara le avy handietse anareo iaby. Fa fa fandrike ta Mizpa agne riha vaho harato nivelatse tamity Tabara.
[2]Mpivory reo mikiry avao amity famonoa, fa Iraho ro hagnasazy iereo iaby.
[4]Tsy hagnega iereo hihere amy Nagnahare asane reo, satria ty fagnahy ty mpivarotegna ro amy gniereo ao, vaho
tsy hay iereo ty Yaveh.[5]Ty firengerenge gn'Israely le vavolombelo mandietse aze; kea ho tafintohy amity
fagnafaiza gniereo Israely naho Efraima; vaho Joda avao kea le ho tafintohy miarake amy gniereo. [6]Hindeha
hiarake amity agnodry aman'ose naho agnombene iereo mba hila ani Yaveh, fa tsy hahisake aze iereo, satria
nagnafake ty vatane tamy gniereo re. [7]Tsy natoky ani Yaveh iereo, fa niterake kolo tsy magnorike ty lily iereo.
Amizao ty hafalea ty voalohambola ro handrava iereo reketse baibone reo.[8]Tiofo a Gilbea ao ty anjomara, vaho a
Rama ao ty trompetsa. Manova koraagn'aly a Betavena ao tihoe: 'Hagnorike anao zahay Benjamina!' [9]Ho entsake
Efraima amity andro ty fagnafaiza. Tamy longo Israely reo ro nitaliliako ze tsy maintsy hiseho.[10]Mpitary i Joda reo
le manahake reo ze mamindra lakoro vato. Hakororoko manahake ty rano amy gniereo ty fitsara re, satria
nandefa tamity sitrampone hagnorike aolin-draty.[12]Vaho hanahake ty kadradrake amy Efraima raho, vaho
manahake ty bobongolo amity longo Joda. [13]Lahafa hisa gny Efraima ty aretene, vaho hisa gny Joda ty ferene, le
nindeha ta Asrya tagne ty Efraima, vaho Joda nandefa mpinday hafatse ho amy iaze mpnajaka bevatay agne. Fa
tsy mete nitsabo anareo re nareo ndaty na nagnafake ty feregnareo.[14]Kea hanahake ty liona amy Efraima raho,
vaho hanahake ty liona anane amity longo Joda. Iraho, Eka iraho, ro handialia vaho handeha; hindeseko iereo,
vaho tsy hisy hagnavotse iereo. [15]Handeha raho vaho hihere amity fitobohako agne, zisimpagnekea iereo ty
hadisoane ka hila ty tareheko, zisimpipaia iereo ahy avao amity fijalea gniereo."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 6

1"Avia, ndao tika hihere amy gn'Yaveh. Fa fa nanorotoro antika re, nefa hagnafake antika; namere antika re, fa
hamehe ty ferentika. 2Afake roe andro le hamelo antika ndraike re; hananga antika re amity andro fahatelo, vaho
ho velo agnoloane eo tika. 3Ao hahay ani Yaveh tika; ao ho gege ty hahay ani Yaveh tika. Ty fiboahane le azo
antoke manahake ty mangaratignana; ho avy amintika manahake ty rano gnora re, manahake ty loharano ora ze
manondrake ty tane."4Nao Efraima, ino ty hanoeko miarake aminao? Nao Joda, ino ty hanoeko miarake aminao?
Ty fatokiako anao le ty raho ty marae, manahake ty zavo ze tsielatsiela le rava. 5Kea tinampatampako amy
mpitoky reo iereo, vinonoko tamity tsara ty vavako iereo. Lily reo le manahake ty hazava mamiratse.6Fa fatokia
ro irieko fa tsy soro, vaho ty fahaia an Nagnahare naho ty raketse oroa. 7Manahake ani Adama le nivalike amity
fagnekea iereo; tsy natoky ahy iereo.8Gileada le tana ty mpanao raty miarake amity lian-tomboke feno lio.
9Manahake ty fiambena ty mpangalatse ndaty, ro hiharoa mpisoro reo hamono ndaty amity lala mba Sekema
agne; nahavita hadisoa mahamegnatse iereo.10Tamity longo Israely ao ro nahisahako zaka raty; ty fivarotan-tegna
Efraima ro ao, vaho Israely le nanjare naloto. 11Fa ho anao avao kea, Joda, le fa voatingy ty andro mpamokara,
lahafa hagnere ty hanagna ty ndatiko raho.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 7

[1]Isake ty te hagnafake ani Israely raho, le miseho ty hadisoa Efraima, naho ty sata raty Samaria, satria mamitake
iereo; avy ty mpangalatse, vaho ty mpandroba manafike an-dalambe egne. [2]Tsy tsapa gniereo tam-pone ao fa
tadidiko ty sata ratine iaby. Amizao magnarine amy gniereo eo ty satane; magnoloa ty tareheko reo.[3]Fale tamity
haratia gniereo ty mpanjaka, vaho tamity vandene ty manan-kasy. [4]Iereo iaby lempivarotegna, manahake ty
laforo nioroa ty mpanmboatse mofo, ze mijanomanorognafo zisikamity famaliha ty foto-koba kea zisimpitombo
gnizay. [5]Tamity andro ty mpanjakatika manan-kasy reo le nagnarare ty vatane tamity hafana ty divae.
Nanonjotse ty tagnane tamy reo ze nagnaraty re.[6]Fa amity fo manahake ty laforo, ro handinehane asa fita gniereo
reo. Mirehetse zisike ty hale iaby ty sia gniereo; ty amity marae le mirehetse manahake ty afo milebaleba zay.
[7]Iereo iaby le mafana manahake ty laforo, vaho mandrapake reo ze mandily amy gniereo eo. Fa tonta
mpanjakane reo iaby; tsy nisy nikaike ahy iereo.[8]Nifangaro tamy ndaty reo ty Efraima. Mofomamy pisake ze tsy
mboe nivalike ty Efraima. [9]Fa nandrava ty herene firene hafa reo, nefa tsy haine zay. Volofoty ro mitiry amine eo,
nefa tsy haine zay.[10]Ty avognavo gn'Israely le vavolombelo manara aze; ndre izay aza,le tsy nihere tamy Yaveh
Zagnaharene iereo, na nila aze, nale teo aza ze iaby zay. [11]Efraima le manahake ty voromahilala, mino fahatane
sady tsy misay, mikaike mafe a Egypta agne, bakeo mitily ho a Asyria agne.[12]Lahafa mindeha iereo, le ho velareko
amy gniereo eo ty haratoko, hazotsoko manahake ty voro ty lagnitse iereo. Hagnafay iereo amity firohane ao
raho. [13]Loza gniereo! Fa fa nilay ahy iereo. Niavy amy gniereo eo ty fandrobaha! Nivory tamiko iereo! Tokone
hagnavotse iereo raho, kanefa nivolan-bade tamiko iereo.[14]Tsy nitoreo tamiko tamity fone iaby iereo, fa
mibabababa am-pandreane eo avao. Mirae fivory ho ahy ty vare naho divae vaovao iereo, vaho mivily miala
amiko. [15]Ndra le nagnanatse iereo naho nagnamafe ty vatane aza raho, le mikoko draty handietse ahy iereo
tehenane.[16]Mihere iereo, nefa tsy mihere amiko, iaze abo vataney. manahake ty kiditse mitsiraviravy iereo. Ho
tonta amity mesobey naho ty fivolagnan-bade ty lelanew ty manan-kasy gniereo. Izay ro hizare fagnaratia iereo
amity tane Egypta.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 8

[1]"Agnegao anjomara amity sogninao eo! Misy voromahery avy amity tragno Yaveh eo satria nandietse ty
fagnekeako naho nivory nandietse ty liliko ty ndaty. [2]Mitoreo amiko iereo tihoe: 'Nao Zagnahareko, izahay a
Israely atoy le mahay anao.' [3]Nefa Israely le fa nagnary ze soa, vaho ty rafe hagnejeke aze.[4]Fa hampitoboke
mpanjaka reo iereo, neda tsy bakamiko. Fa nagnisy roandrian-dahy iereo, neda tsy tamity fahaiako. Tamity
volafotine naho ty volamenane ro fa nagnamboarane ty aoly ho ahy ty vatane, nefa izay le mba handrobaha
iereo avao." [5]"Niliere ty anak'agnombe nao, nao Samaria. Mirehetse amy ndaty reo ty siako. Fa zisikombia ro
hijano ho meloke iereo?[6]Fa ze aoly zay le baka Israely ao; ty mpiasa ro nanao izay; tsy Zagnahare zay! Ho
potepotehe ty anak'agnombe Samaria. [7]Fa ty ndaty mambole tioke le hahavokatse talio. Tsy misy salohine ty vare
mitiry an-baibo egne; tsy misy ventene ty voka gnizay. Laha tsa ty matoe zay, le handrobake izay ty vahiny.[8]Le
voatele ty Israely; amizao mavande amy firene reo eo manahake ty zaka tsy misy ila aze iereo. [9]Fa niboake ta
Asyria agne manahake ty amponga ly mandeha raike iereo. Fa nagnarama mpitea ty vatane ty Efraima. [10]Na le fa
nagnarama ndaty tea amy firene reo eo aza iereo, amizao le hamory iereo miarake raho. Hanomboke hijale iereo
naho ty fampijalea ty mpanjaka roandriandahy reo.[11]Fa fa nampitombo alitara reo ho ahy ty raketse naho ty
hadisoa ty Efraima, nefa fa nizare alitara ho amity hadisoa zay. [12]Afake nanoratse ty liliko hale ndraeke hoe iereo
raho, nefa iereo handrambe izay manahake ty zaka hafahafa amine.[13]Laha ty amy soro ty rakeko reo, le manao
soro hena iereo vaho mihina izay, kanefa iraho, Yaveh, le tsy magneke reo. Amizao handineke ty mikasike ty
hadisoane raho vaho hagnafay ty amity hadisone. Hihere a Egypta agne iereo. [14]Israely le fa nagnaligno ahy,
Mpanao aze, vaho fa nagnore lapa. Fa nagnamafe tana maro ty Joda, nefa handefa afo amy tanane reo eo raho,
handroba fiarone mafy reo zay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 9

[1]Ko mifale, amity hafalea manahake ndaty hafa reo, nareo Israely. Fa tsy natoky riha, nahafoe ty Zagnaharegnao.
Teanao ty mandoa ty karama ialiam-pivarotegna amity famoloa iaby. [2]Fa ty famoloa naho ty famiaha le tsy
hamaha iereo; handiso iereo ty divae vaovao.[3]Tsy hitoboke amity tane Yaveh ao sasy iereo; fa kea, hihere a
Egypta agne ty Efraima, vaho andro ndraike iereo le hihina hane maloto a Asyria agne. [4]Tsy hampikororoke
raketse divae ho ahy Yaveh iereo, na hekene. Hanahake ty hane ty mpandala amine ty soro gniereo: ze iaby
mihina izay le haloto. Fa ty hane gniereo le hoe iereo avao; tsy hilitse ty tragno gn'Yaveh zay.[5]aIno ty hanoegnareo
amity andro ty hafalea voatingy, amity andro ty hafalea ho ahy Yaveh? [6]Fa, ingo, laha tafa lay amity fandrobaha
iereo, le hamory iereo ty Egypta, vaho handeve iereo ty Memfisa. Laha ty amy hanagna volafoty gniereo reo-
hindese ty fatike maragnitse reo, vaho hameno ty tragno gniereo fatikey.[7]Ho avy ty andro fagnafaiza; avy ty
andro famalea. Ao ho hay ty Israely iaby zaka reo. Gege ty mpitoky, vaho vere ty ndaty azon- nofy naho ty
hadisoagnareo bevata naho fandrafesa bevata.[8]Ty mpitoky ro mpiambe andre Efraima ho ahy Nagnahareko. Fa
misy fandrim-boro amity lalane iaby, vaho ty falaiza aze le antragno ty Zagnaharene ao. [9]Fa nanimba fomba avao
manahake ty tamity andro re Gibea iereo. Ho tiaro Nagnahare ty hadisoa gniereo, vaho ho faize ty hadisoa
gniereo.[10]Hoe Yaveh tihoe: "Lahafa nahisake ani Israely raho, le manahake ty hoe nahisake voaloboke
tagnefetsagne. Manahake ty lohavogne ty andro ty aviavy, le nahisake ty razagnareo raho. Fa nimba Bala-poera
iereo, vaho nanoron-bata tamy ze aoly mahamegnatse zay. Nizare mampangaroharo manahake iaoly nitea
gniereo oy.[11]Laha ty amy Efraima, le hitily manahake ty voro ty hasy gniereo. Tsy hisy fiteraha, tsy hisy fanagna
anake, vaho tsy hisy torogne. [12]Na le niteza kolo aza iereo, le halaeko iereo kea tsy hisy tavela. Loza hoe iereo
lahafa mivalike amy gniereo raho![13]Fa nahisake andre Efraima raho, manahake andre Tyro, nambole tamity
tanen'akata, fa Efraima le hinday anane reo ho amity ndaty hafa agne ze hamono iereo." [14]Ameo iereo, nao Yaveh-
ino ty ha meagnao iereo? Ameo tsoke tsy terake naho nono tsisy ronono iereo.[15]"Naho ty haratia gniereo iaby ta
Gilgala agne, ze nalaignako iereo voalohane. Naho ty asa gniereo lako hadisoa, le ho roaheko hiboake ty tragnoko
iereo. Tsy ho tea iereo sasy raho; mpivory iaby manan-kasy gniereo reo.[16]Misy arete Efraima, vaho maike ty
fangala iereo ; tsy mamole reo. Na le managnanake aza iereo, le ho vonoeko ty anake mamigniereo." [17]Haria ty
Zagnahareko iereo satria tsy nagneke aze. Hizare mpiriorio amy firene reo eo iereo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Israely le voaloboke mandrobo mamokatse ty voane. Amity nitomboa ty voane, ty hamaro ty alitara nanoene.
Amity namokara ty tanene maro, ro nagnasoavane amben-batone reo. [2]Mamitake ty fo gniereo; amizao le tsy
maintsy hibabe ty helone iereo. Ho robahe gn'Yaveh ty alitara gniereo, ho ravaene ambe-batone reo.[3]Fa hivola
iereo tihoe: "Tsy mana mpanajaka tika, satria tika tsy natahotse ani Yaveh, vaho ty mpanjaka-ino ty mete ho
anoene amintika?" [4]Nivolambola avao iereo vaho nanao fagnekea tamity fiagna tsy hisake tsy to. Kea nitimoke
manahake ty ahe-draty misy poizy am-bava mbaibo egne ty rarene.[5]Ty ndaty Samaria le hatahotse naho
agnombe vave Betavena reo. Nandala tamy gniereo eo ty vahoane, manahake ty nanoe mpisoro mpanompo
mbiasa reo ze fa nifale tamy gniereo eo naho ty famirapira gniereo, feie tsy agne sasy iereo. [6]Hindese a Asyria
agne ho fagnomeza ho ahy ty mpanjaka bevata iereo. Ho salabaraka Efraima, vaho ho megnatse amy mbiasane
reo Israely.[7]Ho rava manahake ty tampa-ketae ambone rano eo ty mpanjaka Samaria. [8]Ho rava ty pilasy abo ty
haratia iaby. Izay ro hadisoa gn'Israely! Ty fatike naho ty ahetse le hitomba amity alitara gniereo. Hivola amity
vohitse ty vahoake tihoe: "Saromo zahay!" vaho amity haboa tihoe: "Mitonta amignay!"[9]"Nao Israely, fa zisikamity
andro Gibea riha ro nandiso; tagne riha ro nitoboke. Tsy hahatsatse ana ty raty reo a Gibea ao vao ty aly?[10]Laha ty
teako zay, le hagnafay iereo raho. Hirae fivory handietse iereo ty firene vaho hampitoboke iereo amity fehe naho
ty hadisoa gniereo feno. [11]Efraima le agnombe vave kele finolake ze tea mivele vare, kea hagnisy joga amity
vozone soa tarehe eo raho. Hagnisy joga amy Efraima eo raho; hiasa tagne ty Joda; Jakoba avao ro hisinto ty
fandravogna.[12]Mandraraha fahitia ho ahy ty vatagnareo, vaho voleo ty fandraraha fahitia ho ahy ty vatagnareo,
vaho vokaro ty tsy fivalihan-pagnekea. Vakio ty tane mboe tsy nasaenareo, fa andro hila ani Yaveh zao,
zisipiaviane naho hampipohane fahitia aminareo eo. [13]Fa nambole haratia nareo; le nahavokatse ty tsy rarene. Fa
nihina ty voa ty fitake nareo satria natoky fikagnareo reo naho miaramilagnareo maro reo.[14]Kea hisy tabataba
gnaly amy vahoanao reo eo, vaho ho rava tanagnao vita aro mafe iaby reo. Hanahake ani Bet-arbela rinoba ndre
Salamana tamity andro ty aly zay, lahafa torotoro niarake tamy anane reo regne. [15]Kea hiseho aminao zay, nao
Betela, naho ty habevata ty haratiagnao. Vaho maraindray ro nagnafaha vatane ty mpanjaka Israely."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 11

[1]"Tamy mboe zatovo ty Israely le niteako, vaho nikaike ty anako lahy hiboake a Egyptao raho. [2]Arakarake ty
nikaihako iereo, ro nihalavira gniereo ahy. Vaho nanao soro ho ahy Bala naho nagnoro ty linten-ketae magnitse
ahy ty aoly iereo.[3]Kanefa Iraho ro nagnanatse andre Efraima handeha. Iraho ro nitsotso iereo tamity vatane, feie
tsy hay gniereo fa nikarakara iereo raho. [4]Tamity kofehe ty maha ndaty ro nitaritako iereo, tamity fehe ty fitea.
Manahake ty ndaty ze nagnamaiva ty joga tamity valagnora gniereo raho, vaho niondreke tamy gniereo eo raho
kea namaha iereo.[5]Tsy hihere amity tane Egypta agne vao iereo? Tsy handily amy gniereo vao ty Asyria satria
nilietse ty hihere amiko iereo? [6]Hipoke amity tana gniereo ty mesobey vaho hamoteke ty hily ty vavahadine;
handrobake iereo zay naho ty kodraty gniereo avao. [7]Nanampakevetse ty hiala amiko ty ndatiko. Na le mikaike
iaze abo vatagney aza iereo, le tsy hisy ndre raike aza hagnampe iereo.[8]Hanao akore ty hiengako anao, nao
Efraima? Hanao akore ty hagnomezako anao, nao Israely? Hanao akore ty hanovako anao manahake ani
Zeboima? Niova ty tagnate ty foko ao; fa nisefosefo ty feregnay narofoko iaby. [9]Tsy hagneke ty siako raho; tsy
handrobake ani Efraima sasy. Fa Zagnahare raho fa tsy ndaty; Iraho iaze Masy amignareo eo oy, vaho tsy ho avy
amity siake raho.[10]Hagnorike ani Yaveh iereo; vaho hitrero manahake ty liona re. Lahafa mitrero re, le ho avy
fampitahora bak' andrefa agne anane reo. [11]Ho avy aman-tahotse manahake ty voro baka Egypta agne iereo,
manahake ty voromahilala bakamity tane Asyria agne. Hampitobohoke antragnone ao iereo- izay ro fitalilia
gn'Yaveh.[12]Holilie ndre Efraima amity vande raho, vaho ty foko Israely amity fitake. Kanefa ty Joda le mboe
miarake amiko, vaho matoky ahy, iaze Rae Masy."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 12

[1]Efraima mihinan-tioke vaho magnorike ty tioke baka antignana agne. Mampitombo vandene reo naho hereloha
reo zisikagne re. Manao fagnekea miarake amy Asyria vaho minday menake oliva ho ahy Egypta iereo.
[2]Managnaly amy Joda avao kea ty Yaveh vaho hagnafay andre Jakoba naho asane reo; hamale aze re naho asagne
reo.[3]Tan-tsoke ao ro nitanjaha ndre Jakoba yy rahalahine tamity tomine, vaho tamity habevatane ro nialiane
tamy Nagnahare. [4]Nialy tamy ianjely re kale naharese. Nitagny naho nitoreo ho ahy ty teane re. Nahisake a
Nagnahare ta Betelao re; tagne ty nivolagna Nagnahare tamine.[5]Iraho ro Yaveh, iaze Zagnahare Tompo ty maroy;
"Yaveh" ty agnarane hikaiha aze. [6]Kea miheregna amy Nagnaharegnareo. Ambeno ty fagnekea mafe naho rarene,
vaho mahambena zisikagne a Nagnahare.[7]Ty mpivarotse le mana kapoake vande an-tagna gniereo eo; tea fitake
iereo. [8]Hoe ty Efraima tihoe: "Nanankanagna vatane raho; nahisake hanagna amiko amity asako iaby iereo, ze
mete ho hadisoa."[9]"Iraho ro Yaveh Zagnaharegnareo baka amity tane Egypta. Hampitoboheko agnate tragno
ndraike nareo, manahake ty tamity hafalea voadrobo. [10]Nivola tamy mpitoky reo raho, vaho nagnomey fahisaha
maro ho iereo ho anao. Tamity tana mpitoky reo ro nagnomezako fagnohara."[11]Laha misy haratia a Gileada ao, le
zaka foa vatane ty ndaty . Anoe gniereo soro a Gilgala ao agnombe lahy reo; hanahake ty bolongambato agnate
baibo bavasa reo ao ty alitara gniereo. [12]Nilay ho amity tane Syria agne ty Jakoba; niasa hahazo valy ty Israely;
vaho niambe agnondre aman'ose re hahazoane valy.[13]Ninday ty Israely hiboake ty tane Egypta tamity amity
mpitokine ty Yaveh, vaho tamity amity mpitokine ro nagnaboarane iereo. [14]Nahameloke mafe ani gn'Yaveh ty
Efraima. Naho izay le hagnega ty lione amity ty Tompone eo vaho hagnere amity amity fahafaham-barakane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 13

[1]"Lahafa nivola ty Efraima, le nisy tahotse. Nanondrotse ty vatane ta Israely agne re, nefa nizare diso naho ty
fiasa ho hy Bala re, kea mate. [2]Miha raty zisikagne iereo te henane. Manao sare njaka sokire vy amity volafoty
iereo, aoly nanoen-tsoa farankere iereo, iaby reo le asa ty mpanao asa tagna.Nivola ty amy gniereo ty ndaty tihoe:
'Ndaty reo ze manao soro reo le magnoroke anak'agnombe.'[3]Kea hanahake ty raho ty maraindray iereo, hanahake
ty zavo ze mora maike, manahake ty lila tiofe ty tioke bakamity fandisana ao, vaho manahake ty setroke miboake
amity fiboahan-tsetsoke.[4]Fa Iraho ro Yaveh Zagnaharenareo bakamity tane Egypta.Ao nareo tsy hagneke
Zagnahare afatse iraho avao; ao nareo hagneke fa ty ankoatse ahy, le tsy misy mpamomje hafa. [5]Haetso nareo
tagnefetse agne, tamity tane fagnamaiha bevata. [6]Lahafa nana akata nareo, le vintsy; vaho lahafa vintsy nareo, le
nisondrotse ty arofognareo. Naho ze antoe zay le nagnalignoahy nareo.[7]Hizare manahake ty liona ho ahy iereo
raho; ty leoparda ro hiambenako magnorike ty lala. [8]Hamango iereo manahake ty bera tsobo anake raho.
Handriatse ty tratra gniereo raho, vaho handrapake iereo eo manahake ty liona, manahake ty handrivandrivata
ty bibily iereo raho.[9]Handrobake anareo raho, nareo Israely; ia ty afake hagnampe anareo? [10]Aia ty
mpanjakagnareo henaneo, hagnavotse anareo amity tanagnareo agne iaby? Aia mpandilignareo reo, ze fa
vinolagnareo tamiko tihoe: 'Ameo mpanjaka naho roandrian-dahy raho? [11]Nagnomey anareo mpanajaka tamity
siako raho, vaho nagnafake aze tamity siako.[12]Fa nihajarie ty helo ndr'Efraima; nihajarie ty hadisoane. [13]Ty
fangirifire ty fiteraha le ho avy amine eo, fa anake lahy tsy manan-pahendrea re, satria lahafa avy ty andro
hiteraha, le tsy miboake baka antsoke ao re.[14]Hamonje iereo amity tagna ty fiagna tsy hisake vao raho? Hamonje
iereo amity havilasy vao raho? Aia, ty fate, ty arete mandrobake? Aia, nao fiagna tsy hisake, ty fandrobaha?
Miviny amity masoko ty feregnay."[15]Na le nana kanagna tamy rahalahine reon eo aza ty Efraima, le hisy tioke
baka antignana agne ho avy; hitioke baka agnefetse agne ty tio gn'Yaveh. Ty lohandrano Efraima le ho ritse, vaho
ty fantsakane le tsy hisy rano. Handroba ty tragno fagnajariane ty zaka lafovily iaby ty rafene.[16]Ho disoe ty
Samaria, satria nivory nandietse ty Zagnaharene re. Ho tonta ty mesobey iereo; ho potepoteke anane mboe kele
reo , vaho driate rene gniereo vesatse reo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 14

[1]Nao Israely, miheregna amy gn'Yaveh Zagnaharenao, fa tonta tamity hadiosagnao riha. [2]Mindaisa tsara vaho
miheregna amy gn'Yaveh. Volagno iereo tihoe: "Alao ty hadisoagnay iaby vaho toigno ze tsara, ho afake hagnomey
ty vokatse ty sogninay ho anao zahay.[3]Asyria le tsy hagnavotse antika; tsy hitikitsovaly ho amity aly agne tika. Na
hivola amity asa ty tagnatika sasy tihoe: 'Zagnaharenay riha, 'fa aminao ao ty bode ro mahazo tsetse."[4]Hagnafake
ty fivaliha gniereo raho; ho tea vatane iereo raho, fa hiala amine ty siako. [5]Hanahake ty zavo raho amy Israely;
hamole manahake ty lilia naho hamaka manahake ty sedera a Libanona ao re. [6]Ho verendraha aoline reo,
hanahake hetae oliva reo ty hasoane, vaho ty hagnitse magnefoefo le manahake sedera a Libanona ao reo.[7]Ty
ndaty ze mitoboke amity alone ao le hihere; ho velombelo manahake ty voa ndraike iereo vaho hitimoke
manahake ty voaloboke. Hanahake ty divay Libanona ty lazane. [8]Nao Efraima, ino avao kea ro mboe azoko anoe
amity aoly? Hamale iereo vaho hikarakara aze. Hanahake ty kypreso maintso rave zisikagne raho; bakamiko ty
hitiria ty voane."[9]Ia ty hendre kea hahatakatse zaka reo? Ia ty mahatakatse zaka reo kea hahay iereo re? Fa
mahity lala gn'Yaveh reo, vaho ty mare le hindeha amy reo, fa tympivory ho tafintohy amy reo.

# Joel

Chapter 1

[1]Ezao ro tsarae gn'Yaveh ze niavy tamy Joela anake lahy Petoela. [2]Inareo roandria, njigno zao, vaho minjajigna
nareo ndaty iaby amity tane eo. Fa niseho vao zao tamity andrognareo na tamity andro ty roazagnareo? [3]Volagno
ty mikasike izay ty anagnareo, vaho ao ty anagnareo hivola ty ana gniereo, vaho ty ana gniereo amity zafe afe
iereo mifandimbe.[4]Ze sisa ty kijeja le nihane ty liam-balala; ze sisa ty liam-balala le fa nihane ty valala vao; vaho
ze sisa ty valala vao le nihane ty valala vao; vaho ze sisa ty valala vao le nihane ty sompanga.[5]Mifohaza, nareo
nareo mamolava, vaho mitagnia! Mibababab, nareo iaby mpino divae, satria ty divae mamy le nafaha taminareo
eo. [6]Fa nisy firene raike niboake tamity tanekoeo, mafe naho tsy hay isafe. Ty nifene le nife ty liona, vaho mana ty
nife ty liona vave re. [7]Nanoene pilasy mampatahotse ty tanen-boaloboko vaho tinampane ty hetaen'aviaviko.
Nimbotane ty holy nketaene vaho nariane zay; ravene reo le nanjare foty.[8]Ao handala manahake ty ampela mboe
tsy mahsaky lahy miakanjo fandala amity fate ty valine anane nareo. [9]Ty raketse voa naho raketse nome le
nafaha tamity tragno gn'Yaveh ao. Mandala mpisoro reo, mpanompo gn'Yaveh. [10]Rava baibo reo, mandala ty tane
satria fa simba ty vare. Maike ty divae vaovao, mandamoka ty diloilo.[11]Mimegnara nareo mpambole, vaho
mibababa, nareo mpambole voaloboke, naho ty vare tritika naho ty vare hordea.Fa ty voka ty baibo le fa rava.
[12]Naleme ty voaloboke vaho maike hetae n'aviavy reo, ampongabendanitse reo, hetae ty poma reo-naleme iaby ty
hetae iaby tan-baibo agne. Fa naleme ty hafalea ty zafeafe gnondaty.[13]Misikina siky fandala vaho mandala, inareo
mpisoro! Mibabababa, inareo mpanompo ty lagnitse. Mandisoa, indeso miroro zisik'amity hale iaby ty siky
fandala, inareo mpanompo ty Zagnahareko. Fa ty raketse voa naho ty raketse nome le fa tinanjake angnajonba ty
Zagnaharenareo ao. [14]Mangataha fifalean-kane masy, vaho mangataha fivoria masy. Avorio roandria reo naho
ndaty amity tane gn'Yaveh Zagnaharenareo ao reo, vaho mitagnia amy gn'Yaveh.[15]Feie ty andro! Fa ty andro
gn'Yaveh le fa marikitse. Ho avy miarake amy gnizay ty famoteha baka amy iaze Tsitohay. [16]Tsy fa nafaha
tamasontika teo vao ty hane, vaho ty hafalea naho ty fifalea tamity tragno ty Zagnaharetika? [17]voa reo le lo
ambane ty bongan-tane gniereo agne, rava mpila aze reo, vaho poteke sompitse reo, satria naleme vare reo.
[18]Injato fitrero biby reo! Mijale biby fihare reo satria tsy mana tane fihinana iereo. Mijale avao kea
andian'agnodry aman'ose reo. |v 19Nao Yaveh, mangatake aminao raho. Fa rinava ty afo fihinana bilo agnefetse
agne reo, vaho lelan'afo ro nagnoro ty hetae iaby tan-baibo agne. [20]Na biby anbaibo agne reo aza le mibababa
aminao, satria lany ty baibo, vaho may ty afo fihinambole agnefetse agne reo.

## Chapter 2

[1]Tiofo ty anjomara a Ziona ao, vaho ampagneno ty fanaira ambohiko masy agne! Ao ty ndaty ty tane iaby
hangitikitike amity tahotse, fa ho avy ty andro gn'Yaveh; marikitse vatane zay. [2]Andro ty fagnafaiza naho iem-pito
zay, andro ty raho naho iempito. Manahake ty mangiritignana ze miele ambohitsegne, magnato ty miaramila
bevata naho mafe. Tsy mboe nisy miaramila manahake itoy liaizay, vaho tsy hisy manahake aze sasy, na afara ty
zafeafe mifandimbe maro aza.[3]Ty afo le mandrava ty zaka iaby magnoloa aze, vaho ambalignizay ao ty lelan'afo
le mirehetse. Ty tane le manahake ty baibo Edena agnoloa gnizay eo, nefa ambalignizay le misy efetse tsisy zaka.
Tsy hisy ndre ino ndre ino hilay amignizay vatane.[4]Nanahake ty sovaly miaramila reo, vaho milay manahake ty
mpitikitsovaly iereo. [5]Misoty miarake amity feo manahake ty ahy sarete reo an-tampo ty vohitse egne iereo,
manahake ty feo ty lelan'afo mirehetse ze mandrava ty lila, manahake ty miaramila mafe vogno ho amity aly
iereo.[6]Agnate fangirifire ty ndaty vaho mizare foty heatse ty tarehe gniereo iaby lahafa agnoloa gniereo eo. [7]Milay
manahake ty mpialy mafe iereo; manganike lakoro reo manahake miaramila mpialy reo iereo; manao liambey
amity filaharane iaby iereo vaho tsy vaky ty laharane.[8]Tsy mifanoseke iereo; sambe mandeha amity lalane iaby
iereo; mamakivaky ty fiaro gniereo vaho tsy rava ty laharane. [9]Mitrero amity tana egne iereo, vaho milay amity
lakoro egne, manganike amy tragno reo iereo, vaho militse am-dafonety eo manahake ty mpangalatse iereo.
[10]Matahotse magnoloa iereo ty tane, vaho mihonzongozo ty lagnitse, ty masoadro naho ty vola le maieke, vaho ty
vasia le mijano mamiratse. [11]Manondrotse ty feone magnoloa ty miaramilane ty Yaveh, satria mpialine reo maro
iake vatane; satria mafe iereo, reo ze hagneke ty liline. Fa bevata naho mahavere vatane ty andro gn'Yaveh. Ia ro
ho velo amignizay?[12]"Kea na le amizao aza" hoe ty Yaveh tihoeke: "Miheregna amiko amity fognareo iaby. Mifalia
hane, mitagnia, vaho manova fandala." [13]Rividrivito avao kea ty fognareo fa tsy ty sikinareo avao, vaho
miheregna amy gn'Yaveh Zagnaharenareo. Fa magnega ty hadisoa naho miferegnay re, tsy mora meloke vaho
bevata ty tsetsene, vaho hiala amity fampindaisa fagnafaiza re.[14]Ia ty mahay? Mete hihere vao re vaho hana
feregnay, vaho hagnega fitahia afarane, le ty raketse voa naho raketse nome ho ahy gn'Yaveh Zagnaharenareo?
[15]Tiofo ty anjomara a Ziona ao, mikaiha fifalen-kane masy, vaho mikaiha fivoria masy. [16]Avorio ty vahoake, kaiho
amity fivoria masy. Avorio roandria reo, avorio ty kolo reketse ty aja mboe minono. Ao ty mpagnakatse hiala
agnefetragnone ao, vaho ty ampakare hiala antragno fandreane ao.[17]Ao mpisoro reo, mpanompo gn'Yaveh
hitagno agnivoa ty lavaranga filira naho alitara eo. Ao iereo hivola tihoe: "Feregnaso ty ndatinao, Yaveh, vaho ko
enga ho amity fahafaham-baraka ty lovagnao, kea ho kizahe firene reo. Nanao akore iereo ro tokone hivola amy
firene reo tihoe: Aia ty Zagnahare gniereo?""[18]Kea le sarotene ty amity tanene ty Yaveh vaho niferegnay ty
ndatine. [19]Namale ty ndaty ty Yaveh manao tihoe: "Ingo, handefa vare ho anareo, divae vaovao, vaho menake
raho. Ho afa po amy gnizay nareo, vaho tsy hengako ho salabaraka amy firene reo eo sasy nareo.
[21]Ko matahotse, nareo tane, mifalea naho mihehea, fa Yaveh hanao zaka bevata. [22]Ko matahotse, nareo biby
anbaibo agne, fa hitimoke ty akata agnefetse agne, hamoa hetae reo, vaho ty hetae n'aviavy naho ty voaloboke
Ziona, vaho mifalea amy gn'Yaveh Zagnaharenareo. Fa hagnomey farara nora vaho hampipoke ora ho anareo re,
faran'ora naho ty faran'ora dohantao manahake ty taloha.[24]Ty famoloa le feno vare, vaho vata reo feno divae
vaovao naho diloilo. [25]"Hagnere amity nataone tao ty vokatse reo ze fa nihane ty valala raho-ty valala bevata, ty
valala mandrava, vaho ty valala mpanimba ho anao raho-ty miaramilako mafe ze nalefako aminareoeo.[26]Hihina
bey le bey vatane nareo vaho ho voky, vaho midera ty agnara gn'Yaveh Zagnaharenareo, ze fa nanao mahavere
taminanreo eo, vaho tsy hinday hegnatse nareo fa amy Israely eo raho, vaho iraho ro Yaveh Zagnaharenareo,
vaho tsy misy afatse iraho, vaho tsy hinday hegnatse amity ndatiko eo sasy raho.[28]Afara gnizay le hampipoke ty
fagnahiko amity nofo iaby raho, vaho ty anagnareo lahy naho ampela le hitoky. Ty ante-dahy gnareo le
hagninofy, ty somonjara gnareo le hahisake fahisaha. [29]Amy andro reo, le handrotsake ty Fagnahiko amy
mpanompolahy naho mpanompo vave eo avao kea raho.[30]Haneho mahavere amity lagnitse agne naho amity tane
raho, le lio, naho afo, vaho setroke milebaleba. [31]Ty masoandro hivalike ieke vaho ty vola ho lio, aloha ty hahavia
ty andro gn'Yaveh ze bevata naho mampatahotse.[32]Ze iaby mikaike ty agnara gn'Yaveh le ho vonje. Fa amity vohi
Ziona egne naho a Jerosalema agne ro hisy reo ze tafalay, manahake ty nivolagne gn'Yaveh, vaho amy sisa velo
reo eo, reo ze kinay gn'Yaveh.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Ingo, amy ze andro zay naho amy ze fotoa zay, lahafa hampoly sesentane ty Joda naho Jerosalema raho, [2]le
hamory ty firene iaby raho, vaho hinday iereo hizotso amity baibo Josafata eo. Hitsara iereo egne raho, naho ty
amity Israely ndatiko naho lovako, ze niparitaha gniereo tamy firene reo eo, vaho naho ty Nizara gniereo ty
taneko. [3]Nanao filoka ho ahy ty ndatiko iereo, vaho nivarotse ty kololahy ho ahy ty mpivaro-tegna, vaho nivarotse
ty kololahy ho ahy ty divae mba hinome gniereo.[4]Amizao, nanao akore ro meloke amiko nareo, nao Tyro, Sidona
vaho ty faritse Filistia iaby? Hamale fate ahy vao nareo? Na le hamale fate ahy aza nareo, le hahereko amity
lohagnareo eo vatane ty fagnafaiza anareo. [5]Fa nangalake ty volafotiko naho ty volamenako nareo, vaho hinday
ty hanagna tsarobily amity tempolignareo ao raho. [6]Nivarotse ty ndatiko ty Joda naho Jerosalema amy Grika reo
nareo, mba hagnafaha iereo lavitse ty faretane.[7]Ingo, hampiala iereo amity pilasy ze nivarotagniereo aze raho,
vaho handietse amity lohagnareo eo. [8]Hivarotse ty anagnareo lahy naho anakampelagnareo, antagna ty ndaty
Joda eo raho. Hivarotse iereo ho amy Sabeana iereo, amity firene lavitse agne. Fa Yaveh ro fa nivola.[9]Atalilio amy
firene reo eo zao tihoeke: "Omano amity aly ty vatagnareo, fohazo lahilahy mafe reo, ao handiso iereo, ao ty
lahilahy agnaly iaby hiboake. [10]Tefeo ho mesobey ty fangalignareo vaho ho lefo ty meso fandrasagnareo. Ao ty osa
hivola tihoeke: "Mafe raho."[11]Malaky vaho miavia, inareo firene iaby magnodidy egne, avorio miarake egne ty
vatagnareo. Nao Yaveh, azotso lahilahy mpialy mafegnao reo."[12]Ao hifoha firene reo vaho hiboake ho amity baibo
Josafata ao. Fa ao ro hitobohako hitsara ty firene iaby magnodidy. [13]Apoho ty meso fambolea, fa ty vokatse le
matoe. Miavia, potsepotsero ty voaloboke, fa feno ty fagnafaiza. Mihoatse ty vata fitataza, fa ty haratia gniereo le
bevata."[14]Misy tabataba, le tabataba amity baibo ty Fitsara ao. Fa marikitse ty andro gn'Yaveh amity baibo ty
fitsara ao. [15]Ty masoandro naho vola hizare maieke, vaho vasia reo hitanjake ty famirapirane.[16]Hitrero baka a
Ziona agne ty Yaveh, vaho hanondrotse ty feone a Jerosalema ao. Hihozongozo ty tane naaho ty lagnitse, nefa
Yaveh le ho fialofa ty ndatine, vaho fiaro mafe ho ahy ty ndaty Israely. [17]"Le ho hainareo fa iraho ro Yaveh
Zagnaharenareo ze mitoboke a Ziona ao, vohiko masy. Kea le ho masy Jerosalema, vaho tsy misy miaramila
hanao liambey amine eo ndraike.[18]Ho avy zay amity andro ze hiboaha ty divae mamy amity vohitse, ty haboa le
hiboake ronono, ty baibo drianke Joda iaby le hiboake rano, vaho loharano le ho avy bakamity tragno gn'Yaveh
vaho ty rano bakamity baibo Sitima. [19]Hizare harava nenga I Egypta vaho Edoma hizare efetse foa, naho ty
hereloha nanoe tamity ndaty Joda, satria nampipoke lio gnondaty tsy manan- tsiny tamity tanene iereo.[20]Fa i Joda
le hitoboha zisikagne, vaho Jerosalema hitoboha ty zafe afe mifandimbe. [21]Hamale fate ty lio ze tsy mboe vinaleko
ho mate raho," Fa Yaveh mitoboke a Ziona ao.

# Amos

Chapter 1

[1]Intoa reo zaka mikasike ani Israely toa ro rinambe dr'Amosa, raike tamy reo mpiambe agnondry ta Tekoa ao,
tamity fitalilia. Nandrambe reo zaka reo re tamity andro ndre Ozia mpanjaka ty Joda, vaho kea tamity andro
ndre Jeroboama anake lahy Joasy mpanjaka Israely, roe tao mialoha i horohorontaney. [2]Hoe re tihoe: "Hitrero
bakagne Ziona ty Yaveh; hagnakatse ty feone bakagne Jerosalema re. Ho maike ty akata gniereo mpiambe
agnondry; haleme ty tampo i karmela."[3]Ezao ro tsarae Yaveh tihoe: "Naho reo hadisoa telo nanoe Damaskosy, eka,
na efatse aza, le tsy hagnafake ty sazy raho, satria fiasa vy ro namangoa gniereo ani Gileada. [4]Handefasako afo ty
foko Hazaela, vaho handevo reo fiarova mafe Beni-Hadada raho.[5]Ho tampaheko ty vy amity vavahady
Damaskosy eo vaho handany iaze lahilahy ze mitoboke a Bikata Avena ao raho, vaho kea iaze lahilahy ze
mintanjake ty fitognom-mpajaka a Bet-Edenao. Ty vahoa Syria le handefa ho amity fagnandevoa a Kira
agne,"hoasa Yaveh.[6]Ezao ro tsarae 'Yaveh tihoeke: "Naho reo hadisoa telo nanoe Gaza, eka, na efatse aza, le tsy
hagnafake ty fagnafaiza raho, satria nanoe gniero ho ndevo ty vahoake iaby, mba hagnomeza iereo ani Edoma.
[7]Handefa afo amy reo lala i Gaza raho, vaho handrava fiaro mafene reo.[8]Holanieko iaze lahilahy ze mitoboke a
Asdoda aoy naho iaze lahilahy ze mintanjake ty fotogno-panjaka bakagne Askelona. Handietse ani Ekrona ty
tagnako, vaho ho mate Filistina tavela reo, "hotiasa i Tompo Yaveh.[9]Ezao ro tsarae Yaveh tihoeke: ''Naho reo
hadisoa telo nanoe Tyro, eka, na efatse aza, le tsy hagnafake ty fagnafaiza raho, satria nagnomey ty vahoake iaby
aani Edoma iereo, vaho nagnega ty fate-dra iereo. [10]Handefa afo amy reo lala Tyro raho, vaho handrava fiaro
mafe reo zay."[11]Ezao ro tsarae Yaveh tohoeke: "Naho reo hadisoa telo nanoe Edoma,mare, na efatse aza, le tsy
hagnafake ty fagnalilova raho, satria nagnidy ty rahalahine tamity meso re naho nagnary ty fitsetseva iaby. Ty
siane le nitohy zisikagne, vaho naharetse zisikagne. [12]Handefa afo a Temana eo raho, vaho handrava ty lapa i


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Bozra zay."13Ezao ro tsarae Yaveh tihoeke: "Naho reo hadisoa telo nanoe ty vahoake Amona, mare, na efatse aza,
le tsy hagnafake ty fagnalilova raho, satria nandriatse ampela mivesatse reo ta Gileadao iereo, mba hagnitara
gniereo ty faretanene.14Handrehetse afo amy reo lala Raba eo raho, vaho handrava lapa reo zay, miarake amity
koriake amity andro ty aly, miarake amity tafion-tionke amity andro ty talio. 15Handeha ho amity fagnadevoa ty
mpanjaka gniereo, re zisikamy reo manan-kasy, "hoasa Yaveh.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Ezao ro tsarae Yaveh: "Naho hadisoa telo Moaba reo, mare, na efatse aza, le tsy hagnafake ty fagnalilova raho,
satria iereo le nagnoro reo taola ty mpanjaka Edoma ho sokay.[2]Handefa afo amy Moaba eo raho, vaho Haravako
ty fiaro mafe Kiriota, ho mate agnate ty Kotaba ao naho korake vaho ty feo ty anjomara i Moaba. [3]Haravako ty
mpitsara amine ao, vaho ho vonoeko miarake amine ty roandria iaby, "hoasa Yaveh.[4]Ezao ro tsarae Yaveh: "Naho
reo hadisoa telo i Joda, mare na efatse aza, le tsy hagnafake ty fagnafaiza raho, satria iereo le nagnary ty lily
Yaveh vaho tsy niambe liline reo. Nampandeha iereo tagne amity lalan tsy mare ty vande gniereo, le nandeha
nagnorike izay avao kea razane reo. [5]Handefa afo amy Joda eo raho, vaho haleve reo fiaro mafe
Jerosalema."[6]Ezao ro tsarae Yaveh: "Naho reo hadisoa telo Israely, mare efatse aza, le tsy hagnafake ty fagnafaiza
raho. Satria avily gniereo volafoty ty tsy manan-tsiny vaho ty tsy mana ho kapa.[7]Nagnidia ty loha ty tsy mana
manahake ty fagnitsaha ty ndatty lemboke amity tane iereo; nandroake ty osa iereo. Ty lahilahy naho ty raene le
sambe miarake amity ampela raike avao vaho mandoto ty agnarako masy. [8]Miroro agnila ty alitara iaby eo amity
siky azo tamity antoke iereo, vaho agnanjomba Nagnahare ao iereo ro hinomane ty divae ze bakamy reo faize.
[9]Nefa fa rinavako tagnoloa gniereo eo ty Amorita, ty halava gnizay le manahake ty halava ty sedera, nimafe
manahake Oka reo. Fa rinobako ty voane ambone, naho ty vahane ambane. [10]Vaho kea, ninday anareo niboake
bakagne amity tane Egypta raho ka nitarike anareo efapolo tao tagnefetse agne mba hahazoa ty tane ty Amorita.
[11]Nanondrotso mpitoky bakamy anakelahinareo reo naho Nazirita bakamy somonjara nareo reo raho. Feie vao
tsy izay, nareo vahoa Israely?-Izay ro fitalilia gn'Yaveh. [12]Nefa nareo le nandresy lahatse Nazarita reo hino divae
vaho nandily mpitoky reo tsy hitoky.[13]Ingo, hagnitsake anareo manahake ty fagnitsaha ty sarete feno vare ty
ndaty raho. [14]Tsy hahisake hilaisa ty ndaty fetse; tsy hampitombo ty herene ty matanjake; na ty mafe hahavonje
ty vatane.[15]Tsy hahatsanga ty mpandefa kiditse; tsy ho tafa lay ty mpilay mahimba; tsy hahavonje ty vatane ty
mpitikitsovaly. [16]Na le ty mpialy be herem-po aza le hilay tsy aman-tsiky amy ze andro zay-Izay ro fitalilia
gn'Yaveh."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 3

[1]Njigno ze vola ze tsinara gn'Yaveh taminareo zao, nareo ndaty Israely, amy longo iaby reo ze nindeseko hiboake
ty tane Egypta: [2]"Inareo avao ro finiliko amy longo iaby reo ambone tane eto. Naho izay, le hofaizeko nareonaho
hadisoagnareo iaby reo."[3]Feie vao hiarake hindeha ty roe laha tsy nirae hevetse iereo? [4]Feie vao hitrero agnala
agne ty liona laha tsy misy haza re? Feie vao hitrero andavane ao ty liona anane laha tsy nahazo ndre ino ndre
ino re?[5]Feie vao afake mitonta agnate fandrike amity tane etoy ty voro laha tsy misy talivarara vitapetake ho aze?
Feie vao hihily ty fandrike amity tane etoy laha tsy nahazo ndre ino ndre ino re? [6]Hagneno an-tana ao vao ty
trompetra ka tsy hangitikitike ty ndaty? Ho avy an-tana ao vao ty loza laha ysy Yaveh ro nandefa izay?[7]Azo
antoke vao fa tsy hanao ndreino ndre ino ty Tompo Yaveh laha tsy mitalily vetsevetsene reo amy mpitokyne
mpanompone reo re. [8]Ia ro tsy hatahotse; laha nitrero ty liona? Fa nivola ty Tompo Yaveh, ia ro tsy hitoky?
[9]Atalilio amy fiaro mafe Asdoda reo agne zay, vaho amity fiaro mafe ty tane Egypta agne; volagno tihoe: "Mivoria
nareo amy vohy Samaria reo egne vaho henteo ty fifandognabey ze amine ao, vaho ino ty fijalea amine ao. [10]Fa
tsy mahay ty fanova ty mare iereo-izay ro fitalilia gn'Yaveh-Magnajary hereloha naho harava amity mandane ao
iereo."[11]Naho izay, izao ro tsarae gny Tompo Yaveh tihoe: "Hameno ty tane ty fahavalo. Handrava fiaronao mafe
reo re vaho handrobake manadagnao reo. [12]Ezao ro tsarae gn'Yaveh: "Manahake ty famonjea ty mpiambe
agnodry ty tomboke roe avao amity vava ty liona, na ambi-tsofy, ro hamonjea ty ndaty Israely ze mitoboke a
Samaria agne, anjoron-tseza eo avao, na kea anjoron-parafara eo avao."[13]Minjajigna vaho mitsangana ho
vavolombelo mandietse ty longo i Jakoba-Izao ro fitalilia natao ty Tompo Yaveh, Zagnahare Tompo ty maro: [14]Fa
amity andro ze hamaizako hadisoa gn'Israely reo, le ho faizeko avao kea ty alitara i Betela. Hotampaheko tsifa
alitara reo vaho hitonta amity tane.[15]Horavako ty tragno asara miarake amity tragno fahavaratse . Ho simba ty
tragno ivory vaho tragnobey reo le hanjavo,_izay ro fitalilia gn'Yaveh."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Njigno ze tsara zao, inareo agnombevave Basana, inareo ze ambohy Samaria agne, inareo ze mampijale ty tsy
mana, inareo ze manorotoro ty osa, inareo ze mivola amity valignareo tihoe: "Indaiso zaka hinome zahay." [2]Fa
nifanta tamity hamasine ty Tompo Yaveh tihoe: "Ingo, ho avy aminareo ty andro ze hangala gniereo anareo amity
farango, vaho ty sisa aminareo amity vinta.[3]Hiboake amy vaky eo amity lakoro ty tana eo nareo, sambe hagnitsy
amizay aby, vaho hatorake ambalikagne Harmona agne nareo-izay ro fitalilia gn'Yaveh."[4]"Mandehana a Betela
agne le mandisoa, a Gilgala agne kale atombo ty haratia, indeso isake maraindray ty sorognareo, ty ampahafolo
kanagnanareo isake ty telo andro. [5]Magnomea soro rake pisaora miarake amity mofo; mitalilia raken-tsitsam-po;
volagno reo, fa mahasoa anareo zay, nareo ndaty Israely-izay ro fitalilia gn'Yaveh Tompo Yaveh.[6]Nameako fanasa
nife nareo tamity tanagnareo agne iaby vaho tsy fahampea ty mofo tamity misy anareo iaby. Kanefa tsy nihere
tamiko avao nareo-izay ro fitalilia gn'Yaveh. [7]Nanaka ty ora tsy ho aminareo eo avao kea raho laha mboe nisy telo
vola hamokara. Nanoeko ty ora tamity tana raike, vaho tsy nampievieko tamity tana raike hafa. Ty antsasa ty
tane nisy ora, fa ty antsasane hafa ze tsy mba nisy ora le maike.[8]Tana roe na telo ro nivembe nimbamity tana
raike raike hafa mba hino rano, feie tsy afa-po. Kanefa tsy nihere tamiko avao nareo-izay ro fitalilia gn'Yaveh.
Nampijale anareo tamity hamay ty vole naho ty bobongolo raho. Ty hamaroa ty baibonareo, ty tanen-
boalobognareo, ty hetae n'aviavy gnareo, vaho ty hetae olivagnareo-fa narapa ty valala iaby iereo iaby. Kanefa tsy
nihere tamiko avao nareo-izay ro fitalilia gn'Yaveh.[10]Nandefa arete mandany taminareo eo manahake ty tamity
Egypta raho. Vinonoko tama-meso ty ajiahinareo, nalaeko ty sovalignareo, vaho nanoeko tamity vavorognareo ty
hamantsy ty tobignareo. Kanefa tsy nihere tamiko avao nareo-Kanefa tsy nihere tamiko avao nareo-izay ro
fitalilia gn'Yaveh. [11]Nandany tana taminareo eo raho, manahake ty tamity nandania Nagnahare ani Sodoma naho
Gomora. Fa manahake amity tampa-ketae mirehetse nitarike bakao amity afo nareo. Kanefa tsy nihere tamiko
avao nareo-izay ro fitalilia gn'Yaveh.[12]Naho izay le hanao zaka raty amignareo raho, nareo Israely; vaho satria
hanao zaka raty aminareo raho, le miomana hifanoje amy Nagnahare, nareo Israely! [13]Fa Ingo, iaze nanao
vohitsigne avao kea ro namboatse ty tioke, maneho ty hevene amity ana gnondaty, mahavy ty maraindray ho
ieke, vaho magnoseose ty pilasy abo ty tane. Yaveh, Zagnahare Tompo ty maro, ro agnarane."

 

Chapter 5

1Njigno ty tsara ze nalaeko ho toreo aminao eo toy, nareo Longo Israely. 2Tonta ty aja mboe tsy mahasaky lahy
gn'Israely; vaho tsy hitsanga sasy re; nadera tamity tanene re; vaho tsy misy ndre raike aza hananga aze.3Fa ezao
ro tsarae TompoYaveh: "Iaze tana ze niboaha ty arivoy le hana zato tavela, vaho iaze raike ze niboaha ty zato le
hana folo tavela ze ahy ty longo Israely."4Fa ezao ro tsarae gn'Yaveh tamity longo Israely tihoe: "Ilao raho le velo
riha! 5Ko mila ani Betela; na militse a Gilgala agne; ko mindaha a Beri-sheba agne. Fa Gilgala le azo antoke fa ho
ndevo, vaho hizare tsisy dikane ty Betela.6Ilao ty Yaveh le ho velo riha, laha tsy iazy le hiboake manahake ty afo
amity longo Josefa ao re. Handrapake zay, vaho tsy hisy ndre ia ndre ia hamono izay a Betela ao. 7Ndaty reo le
hamalike ty rarene ho zaka mafaetse vaho hanorake ty mare amity tane!"8Zagnahare nanao ani
Ikotokelimiadilaona naho Telonohorefy; mamalike ty ieke ho maraindray re; manao ty andro ho maike miarake
amity hale re vaho mikaike ty rano ty riake; mandrake reo amity velaran-tane re. Yaveh ty agnarane! 9Minday
harava tampoke amity mafe re mba ho avy amity fiaro mafe ty fandrava.10Malay ty ndaty iaby ze manoro iereo
amity vavahady ty tana ao re, vaho malay ty ndaty iaby ze mivola ty mare iereo. 11Satria magnitsakitsake tsy
mana reo riha vaho mangalake antsasa mbare amine-na le nagnore tragno vita tamity vato aza riha,le tsy
hitoboke amy zay ao. Mana tanen-boaloboke soa riha, kanefa tsy nino ty divae gnizay riha.12Fa haiko ty isa
fandikan-dily gnao reo naho ty habevata hadisoagnao reo-iriha ze mampijale ty rarene, mandrambe kolikoly,
vaho mivily amy ndaty mila fagnampea reo amity vavahady ty tana ao. 13Naho izay le mitsy amity andro
manahake izay ty ndaty hendre, satria andro raty zay.14Mila ty soa fa tsy ty raty,mba ho velo riha. naho zay Yaveh,
Iaze Zagnahare ty maroy, le tena hiarake anao, arake ty tsaraenao fa ie. 15Halagno ty raty, teavo ty soa, atoboho ty
rarene amity vavahady ty tana ao, Vasa Yaveh, iaze Zagnahare ty maroy hiregnay amy sisa nenga Josefa reo.
16Naho izay, izao ro tsarae gn'Yaveh, iaze Zagnahare ty maroy, ty Tompo tihoe: "Ty fibababababa le ho amy efa-joro
iaby reo, vaho hivola izay amity lala iaby iereo, 'Loza,loza!' Hikaike mpabole reomba ho amity fandala iereo vaho
malahelo reo hibababa. 17Hisy fibababa amy tanen-boaloboke reo ao, satria handrio agnivoagnareo aoraho, " hoe
Yaveh.18Loza ho anareo ze magniry ty andro gn'Yaveh! Nanao akore nareo ro magniry ty andro gn'Yaveh? Ho
fagnafaiza izay vaho tsy hisy hazava, 19manahake ty ndaty lahafa milay liona naho bera mifanoje amine, na
militse amity tragno naho mametsake ty tagnane amity lakoro eo vaho maneketse aze ty menara. 20Feie vao ty
andro gn'Yaveh tsy ieke fa tsy hazava? Iem-pito vaho tsy misy hazava?21"Hejeko, hanoeko tsisy dikane ty hafalea,
tsy mangalake mamine amy fivoriagnareo maresakeo raho. 22Na le magnomey raketse oroa naho raketse hohane
amiko aza nareo, le tsy handrambe reo raho, na hagnete ty raken-pihvagna gniereo biby vondragnareo.23Afaho
tamiko ty tabataba antsagnareo reo; tsy hinjajy ty feo tylokangagnareo raho. 24Fa kea, engaho hikoriake
manahake ty rano ty rarene, vaho ty hamare hanahake ty renerano mikoria zisikagne.25Ninday soro naho raketse
tagnefetse agne zisike ty efa-polo tao ho ahy vao nareo, nareolongo Israely? 26Hanondrotse ani Sokita ho
mpanjakagnareo nareo, vaho Kiona, Zagnahare ty vasiagnareo-aoly ze nanoenareo ho anareo.27Naho izay le
halefako sesetane mihoatse ani Damaskosy,"hoe Yaveh, ze Zagnahare ty maroy ro agnarane.

Chapter 6

[1]Loza ho ahy ze mahazo ay a Zionaao, vaho ho ahy ze milamy amity tane haboa gny Samaria ao, ndaty malaza
bakamy firene soa vatane reo, ze hiavia ty foko Israely mba ho vonje! [2]Hoe mpitarike anareo reo: "Mandehana a
Kalne agne kea magnetea; bakao le mandehana a Hamata agne, itana bevata ay; bakeo le mizotsoa a Gata gniereo
Filistina. Feie vao soa naho fanjaka roe reo reo? Feie vao bevata naho ty faretagnao ty faretane gniereo?[3]Loza ho
ahy ze magnemotse ty andro ty loza naho nampagnariketse ty seza fiambena ty hereloha. [4]Miroro am-pandrea
pivoria iereo vaho mino an-kitsele gniereo eo. Mihinana ana nagnodry bakamy reo agnodry aman'ose iereo vaho
ana nagnodry bakamity vokane.[5]Niantsa antsa gegege reo tamity feo ty harpa iereo; namoroporo zaka magneno
manahake ty nanoe ndre Davida. [6]Nino divae tamity finga jobo iereo vaho nino diloilo soa vatane, nefa tsy
nalahelo ty amity harava ndre Josefa.[7]Kea nindeha an-tsesen-tane miarake amy sesentane voalohane reo iereo te
amizao, vaho ty hafalea gnireo ze miampatsampatse le rava. [8]"Iraho, Tompo Yaveh, le fa nifanta tamity vatako-
izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh, Zagnahare Tompo ty maro, hafahako ty firengerengea ndre Jakoba; hafahako ty
fiaro mafene. Kea hagnomey tana miarakamy ze iaby amine ao raho."[9]Vaho laha misy folo lahy sisa an-tragno
raike ao, le ho mate iaby iereo iaby. [10]Laha misy longo ilahilahy avy hangalake ty fate gniereo-ty raike ze hagnoro
ty fate gniereo afara ty hindaisane fate reo miboake ty tragno-laha mivola amity ndaty an-tragno ao re tihoe:
"Misy ndaty miarake aminao vao ty ao?" Laha mamale ze ndaty zay tihoe: "Oho". Le hivola re tihoe: "Mianjigna,
fa ao tika tsy hanogno ty agnara gn'Yaveh."[11]Fa, ingo, hagnomey lily ty Yaveh, ka ho potepoteke ty tragno bevata
vaho ho poteke ty tragno kele.[12]Feie vao ty sovaly milay amity vatovato? Feie vao misy ndaty miarake agnombe ty
ao? Nefa namalike ty hamare ho poize nareo vaho ty hamaregna ho mafaitse. [13]Inareo ze fale amy Lodebara, ze
manao tihoe: "Feie vao tsy fa nangalake ani Karnaima tamity heregnay avao zahay?"[14]"Nefa ingo, hananga firene
handietse anareo raho, nareo foko Israely-izay ro fitalilia gn'Yaveh Tompo, Zagnahare Tompo ty maro. Hampijale
anareo manomboke a Lebo-hamatao ao zisikagne amity baibo ndriake Araba ao iereo."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 7

[1]Izay ro naseho gn'Yaveh tamiko. Ingo, namoro valala bevata re lahafa nanomboke niboake ty voka ty lohantao,
vaho ingo, tara ty voka tafara ty voka ty tane iereo, le hoe raho: "Nao Tompo Yaveh ehh, mba mitsetseva ahike,
manao akore ty havelo Jakoba? Satria le vatane kele re?" [3]ka nampijano ty mikasike izay ty Yaveh. "Tsy hiseho
zay", hoe re.[4]Ezao ro naseho ty Tompo Yaveh ahy: Ingo, mikaike amity fitsra ty afo ty Tompo Yaveh. Ezay ro
nagnamaike ty tane malalake, ty rano laleke miarakamity tane vaho handrava ty tane avao kea. [5]Kanefa hoe raho
tihoeke: "Tompo Yaveh eh, ajanogno rie; hanao akore ty hiveloma ndre Jakoba? Fa vatane kele re." [6]Le nampijano
ty mikasike izay ty Yaveh tihoe: "Tsy hiseho avao kea zay," hoe ty Tompo Yaveh.[7]Ezao ro nasehone ahy: Ingo,
nitsanga tagnila ty lala eo ty Tompo, niarake tamity vato malama tan-tagnane egne. [8]Yaveh nanao tamiko tihoeke:
"Nao Amosa, ino ty hisagnao?" Le hoe raho: "Ingo, hagnega pilao amy Israely vahoako eo raho. Tsy hitsetse iereo
sasy raho.[9]Horava fitoboha abo gn'Isaka reo, hopotehe fitoboha masy gn'Israely reo, vaho hitsanga handietse
amity mesobey ty foko Jeroboama raho."[10]Vaho Amazia, iaze mpisoro betelay, nandefa hafatse tamy Jeroboama
agne, mpanjaka Israely tihoeke: "Fa nivetsevetse handietse anao agnovoa ty foko Israely eo ty Amosa. Tsy zaka ty
tane tsara iaby reo. [11]Fa ezao ro tsara ndre Amosa: 'Ho mate amity mesobey ty Jeroboama, vaho ho sesntane hiala
amity tanene vatane ty Israely."[12]Amazia nitsara tamy Amosa tihoe: "Nao mpahisake, miheregna amity tane i Joda
agne, vaho mihinana mofo naho mitokia agne. [13]Fa ko manao fitokia a Betela eto sasy, satria fitoboha masy ty
mpanajaka naho tragno ty mpanajaka toy."[14]Le hoe ty Amosa tamy Amazia tihoe: "Tsy mpitoky raho na ana ty
mpitoky. Mpiarake agnodry naho mpanao hetae amontana vaho aviavy raho. [15]Fa nagalake ahy bakegne
ampiambena nagnodry ty Yaveh vaho nivola tamikotihoe: "Mandehana, keamitokia amy Israely
vahoako."[16]Amizao mijanjigna ty tsara gn'Yaveh. Hoe riha tihoe: 'Ko mitoky handietse ani Israely, vaho ko mivola
handietse ty foko Isaka. " [17]Naho izay le zao ro tsarae gn'Yaveh: "HIzare makorele an-tana ao ty valignao;
anakelahignareo reo naho anak'ampelagnareo reo le ho tonta amity mesoby; ho hereke tane gnareo vaho ho
zarae; ho mate amity tane maloto ao riha, vaho halefa sesentane hiala amity tanene ao vatane ty Israely."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 8

[1]Ezao ro naseho ty Tompo Yaveh tamiko. Imgo, voanketae ty famokara vaha raike! [2]Hoe re tihoe: "Ino ty hisagnao,
nao Amosa?" Le hoe raho tihoe: "Ty vaha ty voanketae famokara." Le hoe ty Yaveh tamiko tihoe: "Fa avy amy
Israely vahoako ty farane, tsy hitsetse amy gniereo sasy raho. [3]Hizare fibababa ty antsa ty tempoly. Tamy ze andro
zay-izay ro fitalilia ty Tompo Yaveh. Ho maro ty mate, le hatora gniereo amy sisine egne avao!"[4]Njigno zao, inareo
ze mandialia ty osa naho magnavake ty tsy mana ty tane. [5]Hivola iereo tihoe: "Zisikombia ro ho tampetse ty vola
mbao, hivarotantika vare ndraike? Zisikombia ro hitampera ty andro Sabata, hivarontatika vare ndraike?
Hakelezentika ty fagnaragna vaho hampakare ty vilim-bare, vaho hangalatse amity fameza mbade tika. [6]Izay le
mba hahafahantika mivarotse vare raty, vilio amity volafoty ty osa, vaho ty tsy mana amity kapa."[7]Nifanta tamity
firengerengea Jakoba ty Yaveh tihoe: "Tena tsy ho halignoko zisikagne vatane ty nanoe gniereo." [8]Tsy hatahotse
naho izay vao ty tane, vaho ty ndaty iaby ze mitoboke ho amy gnizay ao le mandala? Ty ankamaroa gnizay le
hitsanga manahake ty Rano Neily, vaho hisavoritake naho hilenteke ndraike zay, manahake ty Rano Egypta.[9]"Le
ho avy zay amo andro o-izay ro fitalilia gn'Yaveh Tompo-fa fampiboake ty masoandro amity hale raho, vaho
hagnaieke ty tane amity atoandro. [10]Hamalike ty hafaleagnareo ho fandala raho vaho antsagnareo iaby reo hizare
tagny. Hampisikineko ty siky fandala iaby nareo iaby vaho ho sola ty loha ty kiraidraike. Hanao izay hanahake ty
fandala ho ahy ty anake lahy raike zay, vaho andro mafaitse amity faragnizay agne.[11]Ingo, avy ty andro-izay ro
fitalilia gn'Yaveh Tompo-Lahafa handefa kere amity tane egne raho, tsy kere mofo, na kea arandrano rano, fa ho
amity fandresea tsara gn'Yaveh reo. [12]Hivembe era ty riake iereo; le hila ty tsara gn'Yaveh, feie tsy hahisake izay
iereo.[13]Amy ze andro zay ajamboe tsy mahasaky lahy soa tarehe reo naho pamaraky reo le haeake ty arandrano.
[14]Reoze nifanta tamity hadisoa Samaria le ho tonta iereo vaho tsy hitsanga sasy."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 9

1Nahisake i Tompo nitsanga tagnila ty Alitara eo raho, vaho hoe reke tihoe: "Vango ty loha ambe reo hihozogna
fotoneo. Potepoteho ty amity lohane egne iaby, vaho hamono amity mesobey ty sisa tavela amy gniereo raho. Tsy
misy ndre raike hilay amy gniereo eo, tsy misy hilay ty amy iereo. 2Ndre handavake amity fiaigna tsy hisake agne
aza iereo, le ty tagnako ro hangalake iereo agne. Na le hanganike amity lagnitse egne aza iereo, le hindeseko
mizotso.3Na le miviny ampara ty Karmela agne aza iereo,le hila vaho hangalake iereo agne raho. Na le miviny
ambane ty riake agne aza iereo, le hagnirake bibilava agne raho, vaho hanifatse iereo zay. 4Na le mandeha amity
handevo aza iereo, indese ty hatontane agnoloa gniereo, le hagnomey komandy ty mesobeiko raho, vaho hamono
iereo zay. Hagnete iereo avao ty masoko hanimba fa tsy hanao soa iereo."5Yaveh Tompo ty maro le nikasike ty
tane vaho mizare maike zay; ty iaby ze miay amignizay ao le mandala; hiboake manahake manahake ty Rano ze
iaby zay, vaho hilentike ndraike manahake ty rano Egypta, 6Ire ro nagnamboatse tohane reo an-dagnitsagne,vaho
nampitoboke ty andohalambone feno ty tane. Nikaike ty rano ty riake re, vaho nadrarake izay tamity velaran-
tane gniereo, Yaveh ro agnarane.7Tsy manahake ty vahoa Etiopia vao nareo ho ahy, nareo vahoa Israely?-izay ro
fitalilia gn'Yaveh. Tsy ninday ani Israely hiboake ani Egypta, filistiana bakagne Kreta reo, vaho Syriana reo
bakagne Kira vao raho? 8Ingo, amity fanjaka mpandiso eo ty maso ty Tompo Yaveh, vaho handany aze tsy ho
ambone ty tane eto raho, kanefa tsy hamoteke vatane ty tragno Jakoba raho-izay ro fitalilia gn'Yaveh.9Ingo,
hagnomey komandy, vaho hagnozongozo ty ana Israely amity firene iaby eo raho, manahake ty ndaty manonga
vare amity siva, mba tsy hipoha ty vato kele amity tane. 10Ty mpadiso iaby bakamity vahoako le ho mate amity
mesobey, reo ze mivola tihoe: 'Tsy hahatsatse na hagnato antika ty loza.11Amy ze andro zay le hananga ty tragno
lay ndre Davida nitontay raho, vaho hagnampe tsy ampe amine reo. hatsangako haravane reo, vaho hamboareko
hanahake ty tamity andro taloha zay. 12Hanagna gniereo ty sisa tavela ani Edoma, vaho ty firene iaby ze kinaike
tamity agnarako-izay ro fitalilia gn'Yaveh-nanao izay re.13Ingo, ho avy iandroy-izay ro fitalilia gn'Yaveh-lahafa
mahatsatse ty hamokara ty mpiasatane, vaho mpibongo voaloboke reo le hahatsatse aze ze nambole ty voane.
Vohitse reo le hampitsoatsoatse divae mamy, vaho haboa iaby reo le hikoriake miarake amizay.14Hindeseko
mihere bakagne amityfagnadevoa ty vahoake Israely. Hananga tana rava reo iereo vaho hitoboke amignizay,
hambole tanen-boaloboke iereo vaho hino ty divae gnizay, vaho hanao lavaranga iereo vahi hihina ty voka
gnizay. 15Hambole izay amity tane gniereo eo raho, vaho tsy hiombotse amity taneo ze nameako iereo sasy vatane
ierero," hoe ty Yaveh Zagnaharegnareo.

# Obadiah

Chapter 1

1Ty fahisaha Obadia. Ezao ro tsarae Tompo Yaveh mikasike ani Edoma: fa naharey tatetse bakamy Yaveh naho ty
masovoho ze nalefa ho amy reo firene eo zahay, nanao tihoe: "Mitsangana! Ao tika hitsanga mba hialy handietse
aze!" 2Ingo, hanoeko kele amy reo firene eo riha, ho anoeko tsisy dikane vatane riha.3Namitake anao ty
firengerenge ty fonao, iriha ze mitoboke egne an-kalo ty vato, amity tragnonao abo; ze manao ampiay tihoe: "Ia
ro hanjotso ahy ho agne amity tane? 4Na le mitily abo manahake ty vorombey naho naore tamy reo vasia aza ty
tragnonao, le hanjotso anao bakegne raho, hoe Yaveh.5Laha avy aminao ao ty mpangalatse, laha avy hale ty
dahalo (hanao akore ty faharavanao!), feie vao tsy ze sahaza aze avao ro angalarene? Laha avy taminao ao ty
mpambole mpangalake voaloboke, feie vao tsy engane eo nipoke reo? 6Henhe ty fila andr'Esao, naho ty fipaiava
reo hanagna miviny!7Reo lahilahy iaby nifagnarake taminao le handefa anao amity lalanao mbagne amity sisin-
tane. Reo lahilahy nilongo taminao lefa namitake anao, vaho nandrese anao. Reo ze mihina ty mofonao le fa
nampipoke fandrike tambenao eo. Tsy misy fahazavan-tsay amine ao. 8"Feie vao tsy amy ze andro zay raho" hoe
ty Yaveh, "ro hamoteke reo lahilahy hendre bakagne Edoma naho mazava say an-bohy dr'Esao ao? 9Hatahotse reo
lahilahy mafenao, Temana, ka ho lany amity alala ty famonoa bakagne an-bohy dr'Esao ty lahilahy iaby.10Naho ty
hereloha natao tamy Jakoba rahalahenao, le ho feno hegnatse riha, vaho ho lany zisikagne. 11Tamity andro
nandialianao, tamity andro nindaisa reo vahiny ty hanagnane, naho ty nilira reo firene hafa ty vavahadine, vaho
ty nanova loka ani Jerosalema, le manahake ty raike tamy iereo riha.12Fa ko mifale amity andro ty rahalahinao,
amity andro ty fahavoazane, vaho ko mifale amy reo vahoa i Joda eoamity andro handania aze; ko mirengerenge
amity andro maha osa iereo. 13Ko militse ty vavahdy ty vahoako amity androm-pahavoaza gniereo, ko mifale
amity fijalea amity andro hahisahane loza, ko mandrava ty hanagna gniereo amity andro maharava aze. 14Ko
mitsanga amy o sampagnan-dalagnio, mba handany reo mpilay vaho ko magnomey ty sisa tsy matene amity


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

andro maha sahira.[15]Fa fa mariketse ty firene iaby ty andro gn'Yaveh. Manahake ty nanoenao, ro mboe hatao aminao; hihere an-dohanao ao ty zaka vitanao. [16]Fa hanahake ty fa ninomenao tan-bohiko masy ao, ro hinoma reo firene iaby tsy ankijano. Hino naho hitele iereo, vaho hanahake ty tsy aroy iereo.[17]Fa an-bohitse Ziona agne ro hisy reo ze tafalay vaho ho masy zay; vaho ty foko Jakoba hahazo ty hanagnane manoka. [18]Ty foko Jakoba le ho afo, vaho ty foko Josefa le ho lelan'afo, vaho ty foko Esao ho lila, vaho hagnoro aze iereo zay, kea handevo iereo. Tsy hisy ho velo ty foko r'Esao, satria izay ro tsara Yaveh."[19]Reo ze bakamy Negeva le hana ty vohy Esao vaho reo ze bakamy Sefela hana ty tane reo Filistina. Hana ty tane Efraima naho ty tane ndre Semaria iereo; vaho Benjamina hana andre Gileada.[20]Reo sesentane ty ana Israely maro le hana ty tane Kanana ka zisikagne Zarefata. Reo sesentane Jerosalema, ze agne Sefarada le hana ty tana Negeva. [21]Reo mpamonje le ho mbagne an-bohy Ziona vaho handily magnera ty tane haboa ndr'Esao, vaho ty fanjaka le ahy Yaveh.

# Jonah

Chapter 1

[1]Vaho niavy tamy Jona anake lahy ndr'Amitahy ty tsara Yaveh, manao tihoe: [2]"Mitsangana vaho mindehana a Ninive agne, ze tana tena beveta, vaho mivolagna ty mikasike izay, satria fa niboake tagnoloako eo ty faharatia gniereo." [3]Fa nitsanga ty Jona mba hiala ty fagnatreha i Yaveh vaho nindeha tagne Tarsisy. Nizotso tagne Jopa re vaho nahisake sambo hindeha ho agne Tarsisy. Kea le naloane ty fore vaho nililtse tamy samboy ao niarake tamy iereo raho ho Tarsisy agne re, lavitse ty fagnatreha Nagnahare.[4]Fa nandefasa Yaveh tio-mafe tegne amity riake vaho nizare tafio-drivotse tegne amity riake zay. Tsiela tsiela teo le hisake fa ho poteke i samboy. [5]Vaho nizare natahotse mafe reo mpiondratsambo kea nikaike mafe ty Zagnaharene avao. Natora gniereo tan-driake agne ty enta tamy samboy ao mba hagnamaiva izay. Fa Jona kea nizotso laleke tamy samboy ao, vaho nitsilagne renoke ty roro tao.[6]Kea nagnato aze ty kapiteni-tsambo vaho nivola tamine tihoe: "Nanao akore riha ndra miroro? Mitsangana! Kaiho ty Zagnaharenao! Mete mba hahisake antika ty Zagnaharenao kea tsy mate tika." [7]Nifampiresake iereo iaby nanao tihoe: "Magnatogna, ndao tika hanao ankitsapake, mba hahafahantika mahay tihoe ia ro anto ze loza miseho amintika zao." Ka nanoe gniereo ty ankitsapake, vaho nivory amy Jona eo zay.[8]Le hoe iereo tamy Jona tihoe: " Mba volagno aminay rie tihoe ia ro anto gnizao loza miseho amintika zao. Ino ty asagnao, vaho bakaia riha? Ino ty firenegnao, vaho bakaia amity vahoake ia riha? [9]Hoe ty Jona tamy gniereo tihoe: "Hebreo raho; vaho matahotse ani Yaveh, iaze Zagnahare ty lagnitsey, ze nanao ty riake naho ty tane maike." [10]Vaho vaho maike niha-natahotse reo lahilahy ka nivola tamy Jona tihoe: "Fa ino ty nanoenao?" Fa hay gniereo lahilahy fa nilay ty fagnatreha Yaveh re, satria nivolagnene tamy iereo.[11]Vaho hoe iereo tamy Jona tihoe: "Ino ty tokone ho anoenay aminao mba hampilamy ty riake ho anay?" Satria niha-nagnonja mafe le mafe ty riake. [12]Hoe ty Jona tamy gniereo tihoe: "Rambeso raho atoraho an-driake agne. Vaho hilamy ho anareo ty riake, satria haiko fa naho iraho ty mahavy ze tafio-tioke ze hahazo aminareo." [13]Na le izay aza, le nialifiay mafe lahilahy reo mba hagnere iereo antamboho egne, feie tsy afake nanao izay iereo satria niha mafe ty riake nanohetse iereo. [14]Naho izay le nikaike mafe ani Yaveh iereo vaho nanao tihoe: "Mangatake aminao zahay, Yaveh, mangatake aminao zahay, ko enga ho mate naho ty ay ty lahilahy toy zahay, vaho ko melofa aminay ty fahafatezane, satria riha, Yaveh, le fa nanao arake ze to ty arofognao." [15]Kea le rinambe gniereo ty Jona vaho natora gniereo tagnate riake agne, vaho nijano tsy nisafoake i riakey. [16]Bakeo le natahotse mafe ani Yaveh lahilahy reo. Nagnomey soro ho ahy Yaveh iereo vaho nanao sareke.[17]Vaho fa nagnoma fia bevata hitele andre Jona ty Yaveh, ka nijano tagnate ty vavony i fia bevatay ao telo andro naho telohale ty Jona.

## Chapter 2

[1]Bakeo le nivavake tamy Yaveh Zagnaharene baka an-tro i fiay ty Jona. [2]Hoe re tihoe: "Nikaike ani Yaveh tamity
fijaleako raho ka namale ahy re; baka an-tro ty fiagna tsy hisake ro nikaihako vonje! Le regnao ty feoko.[3]Fa
natoranao tagne amity laleke raho, tagne amity farane lale ty riake, vaho nagnodidy ahy ty heren-driake;
nandrakoke ahy iaby ty lia-ndranognao. [4]Hoe raho tihoe: 'Voaroake tsy ho agnoloa ty masonao eo raho; kanefa le
mboe hitolike hagnatreke ty tempolignao masy.'[5]Nihily nagnodidy ahy ka zisikegne amity vozoko ty rano; vaho
nagnodidy ahy vatane ty laleke; nitiry nagnodidy ty lohako i ahe-dranoey. [6]Nirikitse ty vane i vohitsegne raho; le
nihily tamiko zisikagne ty tane naho ty hiline. Kanefa mboe nagnakatse ty fiako bakan-davakao riha, Yaveh,
Zagnahareko![7]Laha rerake tagnateko ato ty fagnahiko, le nahatiaro ani Yaveh raho; le niavy taminao eo ty vavake
natako, tamity tempolignao masy. [8]Reo ze minjajy Zagnahare tsy misy dikane le magnary ty fahatokiagnao
magnoloa iereo.[9]Fa laha ty amiko kea, le hanao soro ho anao amity feo fagnomeza pisaora raho; ho tanteraheko
ze fa nataoko sareke. [10]Bakamy Yaveh ty famonjea!" Le nivola tamity fiagny ty Yaveh, vaho naloane tegne amity
tane maike ty Jona.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Vaho niavy tamy Jona fagnidroane ndraike ty tsara nanao tihoe: [2]"Mitsangana, mandehana mba Ninive mbeo,
iaze tana bevatay, vaho volagno amine ty hafatse ze andiliako anao." [3]Vaho le nitsanga ty Jona ka nimba Niniva
mbeo tamity fagnekea ty tsara Yaveh. Vaho Ninive le tana bevata vatane, lalan-draike agnate ty telo andro.
[4]nanomboke nilitse ty tana ty Jona vaho tafara ty lala andro raike le nikaike mafe re vaho nivola tihoe: "Horava ty
Ninive agnate ty efapolo andro." [5]Nino an'Agnahare ty vahoake ta Ninive ao vaho nikaike fifalean-kane iereo.
Nanao lamba fandala iaby iereo iaby, zisikamity bevata vatane ka zisikamity kele vatane amy gniereo.[6]Tsy ela le
niavy tamity mpanjaka i Ninive eo i vaovaoy. Le nitsanga bakeo amity seza fiambenane re, nanosotse ty sikin-
kasine, ka nandrakoke ty vatane tamity siky fandala, vaho nitoboke tan-davenokeo. [7]Nandefa fitalilia dreke
nivola tihoe: "Eto Niniva, amity fahefa ty mpanjaka naho ndaty mana-kasy, ao tsy hisy ndaty na biby, agnombe na
agnondry aman'ose, hampagneno raraha. Ao tsy hihina iereo, na hino rano.[8]Fa ao ty biby naho ty ndaty hisiky
lamba fandala vaho ao iereo hitoreo mafe amy Nagnahare. Ao ty kiraidraike sambe hiala amity lalan-dratine
naho amity hereloha ze an-tagnane eo. [9]Ia ty mahafantatse? Mete hanegne avao ty Zagnahare ka hiova hevetse
vaho hiala amity siakene ka tsy lany tika."[10]Hisa Nagnahare ty nanoe gniereo, fa niala tamity lalan-dratine iereo.
Naho izay le niova hevetse ty Zagnahare ty amity fagnafaiza ze vinolane hanoene amy gniereo, ka tsy nanoene
zay.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Fa tsy nahafale andre Jona zay ka naha meloke mafe aze. [2]Naho izay le nivavake tamy Yaveh ty Jona vaho nanao tihoe: "Oh gea Yaveh, tsy izao vao rie ro fa vinolako taminao lahafa tafahere tagne amity fireneko raho? Izay ro antone nihetsehako voalohane naho niezahako hilay ta Tarsisy agne-satria haiko fa Zagnahare manan-kanagnam-pahasoava, mahare-po, malay nko meloke, feno fahatokia, vaho manegne amity fandefasa loza riha. [3]Kea amizao are, Yaveh, mangatake aminao raho, afaho amiko ty aiko, fa soa ho ahy ty ho mate toy izay ho velo. [4]Hoe Yaveh tihoe: "Mete vao ze siakenao losotse zao?" [5]Le niboake ty tana ty Jona vaho nitoboke tegne amy iaze antignana ty tanaay. Tane ro nanovane fialofa ka nitoboke tambane ty alo gnizay ze mba hahisahane ze mete hahazo ty tana.[6]Nagnoma hetae ty Yaveh Zagnahare ka nampitiry izay tambone i Jona hagnaloke ty lohane mba hagnamaiva ty fijaleane. Tena fale vatane ty Jona naho ty amy hetaey. [7]Feie nagnoma soko ty Zagnahare tamity tsirikandro ty hamaray maraindray. Namango ty hetae zay ka le maike i hetaey.[8]Vaho lahafa niboake ty masoandro ty hamaray maraindray, le nagnoma tio-may bak'antignana ty Zagnahare. vaho kea, namango ty loha i Jona ty masoandro kale lane here re. Le nagniry ty himatezane ty Jona. Hoe re tamity vatane tihoe: "Aleoko mate toy izay ho velo." [9]Vaho hoe ty Zagnahare tamy Jona: "Mete vao ze siakenao bevata ty amy hetaey zao?" Le hoe ty Jona tihoe: "Mete ty siakenao, na ho amity fate aza."[10]Hoe Yaveh tihoe: "Niferenay i hetaey riha, ze tsy niasagnao, na nampagnirienao. Nagniry tagnate ty hale ndraike zay vaho mate tagnate ty hale ndraike. [11]Manahake izay kea ty amiko, tsy tokone hiferenay ani Ninive, iaze tana bevatay, ze misy vahoake mihoatse ty zato naho roa ale ze tsy mahay ty mahasambe hafa amity tana ankavana eo naho ty tana ankavia gniereo, naho reo biby fihare maro avao kea vao raho?"

# Micah

Chapter 1

[1]Ezao ty safa Yaveh ze niavy tamy Mika Morastita tamity andro i Jotama, Ahaza, vaho Hezekia, reo mpanjaka Joda, ty rehake ze hisane nahakasike i Samaria vaho Jerosalema.[2]Midranjigna, nareo ry vahoake. Midranjigna, ry tane, vaho iaby ze aminao eo. Ao ty tompo Yaveh ro ho vavolombelo handietse anareo, ty tompo bakao amity tempoly masy. [3]Ingo, Yaveh miboake bakao amity fitoerane; hizotro re naho handia egne amireo fitoera abo ty tane. [4]Reo vohitse hilenteke eo ambanene; reo baibo hitsonake manahake ty savoke agnoloa ty afo, manahake ty rano ze aily agne amity lavake.Zay iaby zay le noho ty fande Jakoba, naho noho reo hadisoa ty foko Israely. Ino ro anto ty vande Jakoba? Feie tsy i Samaria vao? Ino ro anto reo fitoera abo i Joda? Feie tsy i Jerosalema vao?[6]"Hanao i Samaria ho korontam-bato egne ambaibo raho, manahake ty toera famboleam-boaloboke. Hanoseke reo orem-batone ho egne ambaibo raho; ka hampitoro reo fagnambaneane. [7]Ho voatorotoro reo saren-jaka voasokine iaby; naho ho may iaby reo fomeine. Reo sampene iaby hopoteheko. Satria bakamireo fagnomeza ho ahy ty fitsangatsangane ro namoriane reigne, naho tamity vilim-pivarota-bata ro hiheregna reigne."[8]Laha zao antone zao le hitaray vaho hibabababa raho; hindeha tsy misy kapa raho naho tsy misiky; hibabababa manahake ty amboa-romotre raho naho handala manahake ty vorondolo. [9]Fa tsy ho afake sase ty ferene, satria bakagne Joda zay. Le fa nahatratre ty vavahady ty vahoakeko zay, le agne Jerosalema. [10]Ko mirehake ty miomba zay agne Gata; ko mitagny kea. Ao Beti-le-afra raho ro magnoso-deboke ty vatako.[11]Mandalova amim-pisikina vaho hegnatre, ry vahoake Safira. Ko miakatre ry vahoake Zanana. Ao handala i Beti-haezela, satria nafaha ty fiaro iereo. [12]Fa miambe amim-pitebetebe ty vaovao mahafale reo vahoake Marota, satria nipoke bakamy Yaveh ho ao amity vavahady Jerosalema ty loza.[13]Feheo amity soavale malaky lia ty kalese, ry vahoake Lakisy. Iriha, ry Lakisy, ro voaloham-pahadisoa ho ahy ty anakampela Ziona, satria hisake tagne aminao reo loto Israely. [14]Ka le hameanao taratasy fisaora ty Moresetagata; ty rova i Akziba handiso fagnantegna reo mpanjaka Israely.[15]Hinday mpaharese ho agne aminareo ndraike Raho, ry vahoake Maresa; hoavy agne amy Adolama ty famirapira Israely. [16]Harato ty lohanareo naho tampaho ty volonareo ho ahy reo anagnareo ze teanareo. Solao manahake ty voromahere ty vatanareo, fa reo anagnareo hindeha hatao sese-tane hiala ao aminareo.

## Chapter 2

[1]Loza ho ahy ze mamoron-keloke, ho ahy ze manao raty eo ampiroroane. Amity maray ro anova iereo zay satria
mana fahefa iereo. [2]Magniry baibo iereo ka maike zay; magniry tragno iereo ka mangalake zay. Mampijale ndaty
vaho ty fokone iereo, naho ndaty vaho ty lovane.[3]Laha zao le zao ro safa Yaveh hoe:" Ingo, le fa minday loza
hagnisy ze foko zay Raho, ty tsy hagnafahanareo ty vozonareo. Tsy hindeha amim-piavognavogna nareo, satria le
ho andro raty zay. [4]Amize andro zay le hinday antsa miomba anareo reo fahavalonareo, naho handala amity
antsa fandala. Iereo hiantsa ty hoe:' Rava vatane zahay Israelita; Yaveh magnova ty faritane ty vahoakeko. Akore
ro hagnafahako zay amiko? Mizara reo baibonay ho ahy reo mpamadike Re!"' [5]Laha zao, nareo ry mpagnarivo le
tsy mba hana foko hizara ty faritane amity loka ao amity fiangona Yaveh.[6]"Ko maminane," hoe iereo." Ao iereo tsy
haminane reo zaka reo; ao tsy hoavy ty fahafaham-baraka." [7]Ry foko Jakoba, feie tokone rehafe vatane vao zao
hoe:" Meloke vao ty fagnahy Yaveh? Feie vatane asane vao reo?" Feie tsy mampahasoa ze mindeha mahity vao ty
rehako? [8]Agne afara kele le hitsanga manahake ty fahavalo ty vahoakeko. Magnafake ty tohin-tegna, ty akanjo,
egne amize mandrio tsy amimpisalasala nareo, manahake reo miaramila mihere bakagne agnaly ho agne amize
dinehene fa miroro milamy.[9]Alaenareo amireo tragno tea iereo ty ampela ty vahoakeko; sintonenareo amity ana
iereo zisikezay ty fitahiako. [10]Mitsangana ka miala, fa tsy toera ahafahanareo mitoboke toy, noho ty lotone;
pinoteke tamity fipoteha vatane toy. [11]Laha misy ndaty avy agne aminareo amity fagnahy ty vande ka manao
hoe:" Haminane aminao miomba ty divay vaho zaka-finome mahere raho," le dinehe ho mpaminane ho ahy ze
vahoake zay re.[12]Hamory anareo iaby vatane raho, ry Jakoba. Hamory ty sisa amy Israely vatane raho. Hinday
iereo miarake manahake ty agnondry ao amity andiane, manahake ty andian'agnondry eo agnivo ty fihinanam-
bilone Raho. Hisy feo agnabo noho ty hamaro ty vahoake. [13]Ze ndaty mamaky le mamoha ty lala iereo ho ahy
iereo ka hindeha eo aloha iereo. Hindeha hamaky ty vavahady iereo ka hiakatre; ty mpanjaka iereo ro hindeha
eo agnoloane. Yaveh ro ho mpitarike iereo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Hoe raho:" Midranjigna amizao, nareo ry mpitarike Jakoba vaho mpandily ty foko Israely: Feie vao tsy mete aminareo ty mahay ty hamarea? [2]Nareo ze malay ty soa vaho tea ty raty, nareo ze magnafake ty holy iereo, ty nofo iereo amity taolane__[3]nareo ze mihina ty nofo ty ndatiko avao kea, naho magnafake ty holine, mandily ty taolane, naho mamakivaky iereo, manahake ty hena atao ao ambalagne, manahake ty hena atao ao amity fahadroan-kena.[4]Le nikaike mafe Yaveh nareo mpandily, nefa tsy hamale anareo Re. Hagnetake ty tarehene aminareo Re amize andro zay, satria le fa nanao asa raty nareo."[5]Zao ro safa Yaveh miomba reo mpaminane ze nampirererere ty ndatiko:" Ho ahy ze namaha iereo le hirehake iereo hoe:'Hisy fagnambina.' Fa ho ahy ze tsy nagnisy na ino ino ao ambavane, le hanomboke hialy amine iereo. [6]Laha zao, le ho hale ho anareo zay naho tsy hisy hahisaha nareo; haieke zay mba tsy hanoanareo sikily. Hitsofotre amireo mpaminane ty masoandro, naho haieke amiereo ty andro. [7]Ho megnare reo mpahisake, naho ho vere hevetre reo mpisikily. Hanampe ty sognine ie iaby, satria tsy misy valene bakamiko atoy."[8]Fa laha ty amiko, le feno here noho ty Fagnahy Yaveh raho, vaho feno hamarea vaho hamafea, mba hitalily amy Jakoba ty helone, vaho amy Israely ty hadisoane.[9]Midranjigna zao, nareo mpitarike ty foko Joda, vaho mpandily ty foko Israely, nareo ze malay hamarea, vaho magnotake ty zaka-mare iaby. [10]Mananga Ziona amity lio vaho Jerosalema amim-pahadisoa nareo. [11]Mitsara noho ty kolikoly reo mpitsaranareo, mpagnanatre noho ty tambe reo mpisoronareo, naho maminane noho ty vola reo mpaminanenareo. Nefa nareo mianky amy Yaveh ka manao hoe:" Feie tsy miomba antika vao Yaveh? Ka le tsy hisy raty hahazo antika."[12]Laha zao, noho riha, le hasae manahake ty baibo ty Ziona, ho korontam-bato ty Jerosalema, naho hanahake ty tazoa feno ala ty tazoa ty tempoly.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 4

[1]Fa amity andro farane le hiore eo amireo vohitse hafa ty vohitse ty tragno Yaveh. Hakare ambone reo tazoa zay,
naho hitarezotre hombaeo amizay reo vahoake.[2]Hindeha reo firene maro ka hanao hoe:" Avia, hindeha tika
hiakatre agne ambohy Yaveh, agne antragnon'Agnahare ty Jakoba. Hagnanatre antika reo fombane Re, naho
hindeha amireo lalane tika." Fa avy eo Ziona ro iboaha ty lala, naho bakao Jerosalema ty safa Yaveh. [3]Hitsara
amireo vahoake maro Re naho hanam-pakevetre mikasike reo firene maro lavitre. Hamofoke ty meso iereo ho
fangaly iereo naho ty lefone ho fihitsifa. Tsy hananga meso hifagnisy ty firene, na hizatre ho amity aly sase.[4]Fa
kea, hametrake ty ndaty kirai-kiraike ambane ty voalobone vaho ambane ty hetaen'aviavene iereo. Tsy hisy
ndaty hampitahotre iereo, fa ty vava Yaveh Tompo ty maro ro le fa nirehake. [5]Fa ty vahoake iaby le mindeha, ty
kirai-kiraike, amity agnara ty zagnaharene. Fa tika le hindeha amity agnara Yaveh Zagnaharentika zisikagne.
[6]Amize andro zay" hoe Yaveh le" Hamory ty maleme vaho hamory reo voaroake raho, le reo ze nampijaleko.
[7]Hataoko ho sisa tavela ty maleme, naho ho firene mafe reo ze voaroake, naho zaho, Yaveh, ro hanjaka amiereo
ao ambohitse Ziona, amizao naho zisikezay. [8]Naho riha, ry tilikambo fiambena ty agnondry aman'ose, tazoa ty
anakampela Ziona__le hoavy aminao zay, hahere ty fandilianao taloha, le ty fanjaka ze ahy ty anakamplea
Jerosalema.[9]Amizao, nagnino ro mikorake mafe riha? Tsy misy mpanjaka vao eo aminao? Mate vao ty
mpagnomea hevetre anao? Zay vao ro mahavy ty fangiri-firy mahazo anao manahake ty ahy ty ampela eo am-
piteraha? [10]Ao hangirifiry naho hihetse-jaza laha hiterake, ry anakampela Ziona, manahake ty ampela miterake.
Fa amizao riha le hiakatre ty tana, hitoboke agne ambaibo, naho hindeha agne Babylona. Agne ro hagnavota
anao. Agne ro hagnavota Yaveh anao eo antagna reo fahavalonao.[11]Amizao miharo handietre anao reo firene
maro; hoe iereo:' Ao ho voaloto re; ao ty masontika hifale amy Ziona."' [12]Hoe ty mpaminane:""Tsy hay iereo ty dine
Yaveh, vaho tsy takane ty fikasane, fa le namory iereo manahake ty loka ho eo am-pamoloa Re."[13]Hoe Yaveh:"
Mitsangana ka mamofoha, ry anakampela Ziona, fa hataoko vy ty trifanao, naho hataoko varahy ty kitronao.
Hanorotoro vahoake maro riha. Zaho hanoka reo hareane tsy ara-drarene ho ahy ty vatako, Yaveh, ty fanagna
iereo ho ahy, ty Tompo ty tane iaby."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Amizao miaraha avy ao amity filaharan'aly, ry anakampela reo miaramila; le fa nametrake tovon-tane
magnodidy ty tana reo miaramila, amity tsila-ketae ro hamofohane ty mpitsara ty Israely eo amity fifine.[2]Nefa
riha, ry Betlehema Efrata, na le kele vatane eo amireo foko Joda aza riha, le ao aminao ro iakara ty ndaty
hombaeo amiko mba handily ty Israely, ze zisikamireo andro taloha ty nanombohane, ka haharetre zisikagne.
[3]Laha zao le hahafoe iereo ty Zagnahare, zisikamity andro hitrotroa ze mihetse-jaza kolokele, naho ty tavela
amireo anadahine le hihere agne amity vahoake Israely.[4]Hitsanga Re naho hiarake ty agnondry aman'ose amity
here Yaveh, amity hasy ty agnara Yaveh Zagnaharene. Hitoboke iereo, naho satria ho bey zisikagne amity fara ty
tane Re. [5]Ho fiadanantika Re. Laha fa avy ao amity tanentika reo Asyriana, laha fa manao liabey handietre reo
fiarova mafentika iereo, le hitsanga handietre iereo amity mpiarake agnondry fito vaho mpitarike valo amireo
ndaty tika.[6]Hiambe ty tane ty Asyria ami-meso iereo, naho eo filira ao amizay ty tane i Nimroda. Hagnavotre
antika amity Asyriana Re, laha fa niavy ao amity tanentika iereo, laha fa manao leabey agnate ty faritanentika
iereo. [7]Ty sisa tavela amy Jakoba le ho eo agnivo reo vahoake maro, manahake ty mika bakamy Yaveh, manahake
ty ranon'ora eo amity akata-maintso, ty tsy mandy ndaty, naho tsy mandy ty ana'gnondaty iereo.[8]Nisy tavela amy
Jakoba le ho eo amireo firene, eo amireo vahoake maro, manahake ty liona eo amireo biby agne agnala,
manahake ty liona kele eo amireo agnondry. Laha fa mamakivaky eo amireo re, le hagnosehose reo vaho hamote-
poteke reo, naho tsy hisy ndaty hamonje iereo. [9]Hiakatre hagnisy reo favalonao ty tagnanao, ka hamoteke iereo
zay.[10]" Zao ro hisy amize andro zay" hoe Yaveh" Hovonoeko eo aminao reo soavalenao naho hopoteheko reo
Kalesenao. [11]Haravako reo tana ao amity tanenao naho haropako ty mandanao iaby.[12]Hopoteheko ty sikily eo
antagnanao, naho tsy hana mpisikily sase riha. [13]Hopoteheko reo sare sokitre nao vaho reo tsangam-batonao eo
aminao. Tsy hanompo ty asa-tagnanao sase riha. [14]Horavaeko eo aminao reo beon'aserahanao, naho horavaeko
reo tana nao. [15]Hanao valefate amin-keloke vaho havignira eo amireo firene ze tsy nagnenke Raho."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 6

[1]Amizao midranjigna ze rehafe Yaveh:" Mitsangana naho alaharo eo agnoloa reo vohitse ty rarahanareo; ao reo tazoa haharey ty feonareo. [2]Midranjigna ty aly Yaveh, nareo vohitse, vaho nareo fagnambe maharetre ty tane. Fa mana aly amity vahoake Yaveh, naho hialy handietre ty Israely eo amity fitsara Re."[3]"Ry ndatiko, ino ro nataoko anareo? Akore ty nandrokafako anareo? Mitsangana vavolombelo handietre ahy! [4]Fa nienteko hiakatre ty tane Egypta nareo naho navotako hiakatre ty tragno fagnandevoza. Nagnirake i Mosesy, Arona, naho Miriama taminareo Raho. [5]Ry ndatiko, tiarovo ze nihevere Balaka mpanjaka Moaba, vaho ty fomba namalea Balama ana i Beora aze laha nindeha nimbaeo Sitima ka zisikagne Gilgala nareo, mba hahafahanareo mahay ty asa-mare Yaveh."[6]Ino ro tokone ho enteko ho ahy Yaveh, laha mihohoke eo amin'Agnahare Agnabo raho? Tokone hoavy eo amine miarake amity fagnatetre oroa, amity anak'agnombe tao raike vao raho? [7]Feie vao Yaveh hotea agnondrilahy agnarivone, na ranon-diloilo agnalene? Tokone hanolotre ty anadahiko voalohane noho ty heloko vao raho, ty naterako noho ty hadisoako avao? [8]Le fa nirehake riha, ry ndaty, hoe ino ty soa, naho ino ro paie Yaveh aminao: Manova ty mare, teava amim-palemea, naho mindehana amim-palemeam-bata miarake amin'Agnahare.[9]Manao fagnombara amity tana ty feo Yaveh__na ty hamarea aza amizao le mieke ty agnaranao:" Dranjigno ty tsilan-ketae, vaho ty ndaty ze nametrake zay tamity fitoerane. [10]Misy harea ao antragno ty raty fagnahy tsy mare, naho faharesea mavande ze zaka-raty.[11]Tokone hihevetre ty ndaty ho tsy manan-tsiny vao raho laha mampiasa fandanja mavande re, miarake amity haro fandanja mamitake? [12]Feno rehareha ty manan-karea, le fa nirehake vande reo vahoake, naho mpamitake ty lelane ao ambavane.[13]Laha zao le nagnisy anao tamity fere marare raho, le fa nataoko ho raza noho reo hadisoanao riha. [14]Hihina rifa tsy ho entsake; hitoboke ao agnatenao ty hakere. Hamory harea riha fa tsy hahavory, naho ze voavorinao le homeako ty meso. [15]Hamafe riha fa tsy hihaza; handialia oliva riha fa tsy hihosotre diloilo; hagnosehose voaloboke riha fa tsy mba hinon-divay.[16]Reo fotsipeke natao Omry le fa voambe, naho reo asa ty foko i Ahaba iaby. Mindeha arake toroheve iereo riha. Ka hataoko, ho harava, riha ry tana, naho zaka mampisitritre nareo ry vahoake, naho hizaka poke manahake ty vahoakeko nareo."

Chapter 7

[1]Lozako! Fa hoahy zay le manahake ty hoe tampetre ty fihaza ty voan-ketae, vaho avao kea famoria ty sisam-
boaloboke ao amity tanemboaloboke: Tsy misy tsempam-boaloboke hisake sase, tsy nisy tamireo aviavy nialen-
tao ze nirieko mafe. [2]Nanjavo tamity tane ty ndaty matoky, tsy misy ndaty-mahity ao amity ndaty iaby. Midineke
hampipo-dio iaby ie iaby; ty kirai-kiraike mihaza ty rahalahine amity rofiane avao.[3]Malaky amity zaka-raty ty
tagna iereo: mitake vola reo mpandily, vogno amity vandevande ty mpitsara, naho mirehake amireo hafa ze
teane ho azo ty lahilahy mafe. Le hoe zay ro iarahane miheve-draty . [4]Ty soa vatane amiereo le manahake ty roy,
ty mahity vatane le fefe fatike. Zay le andro le voareha reo mpitilinao mialoha, le ty andro fagnaliloa anareo. Zao
ro andro ty harobahan-kevetre iereo.[5]Ko matoky mpiara-belo; ko matoky amity nama. Ambeno ze rehafenao na
le amity ampela ze miroro ao antsandrinao aza. [6]Fa hagnaraty ty raene ty anadahy, hitsanga handietre an-
drenene ty anakampela, naho ty vinanto vave handietre ty rafozam-bavene. Ty ndaty ao antragnone avao ro
fahavalo ty ndaty.[7]Fa laha zaho aloha, le hagnente Yaveh raho, handy ty Zagnahare ty famonjea ahy raho;
haharey ahy ty Zagnahareko. [8]Ko mifale amiko, ry fahavaloko. Fa laha fa lavo raho, le hiare ndraike. Laha
mitoboke ao amity ieke raho, le Yaveh ro ho fazava hoahy.[9]Satria nanonta tamy Yaveh raho, le hiaretre ty helone
mandram-pandahane ty rehako, vaho hanovane fitsara hoahy. Hinday ahy ho eo amity hazava Re, naho hahisake
aze magnavotre ahy ao amity hamareane raho.[10]Le hahisake zay reo fahavaloko, ka ty hegnatre ro hanako ze
nirehake tamiko hoe:" Aia Yaveh Zagnaharenao?" Hagnente aze ty masoko; ho voahosehose manahake ty fotake
egne andala re.[11]Ho avy ty andro hagnoregna ty mandanao; amize andro zay le hohabeie zisikagne lavitre reo
faritanenao. [12]Amize andro zay le hoavy aminao ty vahoakenao, bakagne Asyria vaho reo tana agne Egypta,
bakagne Egypta ka zisikagne amity renerano bey, Eofrata, bakamity riake ka zisikagne amity riake, naho
bakamity vohitse ka zisikagne amity vohitse. [13]Reo tane reo le hiala noho ty vahoake ze mitoboke ao amizao, noho
ty vokatre ty asa iereo.[14]Ambeno amity tsila-ketaenao ty vahoakenao, le ty agnondry aman'ose ty lovanao.
Mitoboke arere agne agnala iereo, eo agnivo ty tanembilo. Ao iereo hiraoke agne Basana vaho Gileada manahake
ty tamity andro taloha. [15]Manahake ty tamity andro ze niakaranao ty tagne Egypta, le hanoro halatsa iereo Raho.
[16]Hahisake naho ho magnatre ty herene iaby reo firene. Hitampem-bava iereo; haregne ty sofy iereo. [17]Hitselake
ty deboke manahake ty mere, manahake ty zaka-agnala ze milaly amity tane iereo. Hiakatre bakao andavane
amin-tahotre iereo; ho avy amin-tahotre eo aminao iereo, ry Yaveh Zagnaharenay, naho hatahotre noho Riha.[18]Ia
ro Zagnahare manahake Anao, Riha ze magnafake hadisoa, Riha ze mandrio ambone ty heloke ty sisa tavela
amity lovanao? Tsy mita ty helonao zisikagne Riha, satria teanao ty manoro ty fandeferanao aminay.[19]Hiferegnay
any ndraike riha; handia reo helonay ao ambane tombonao Riha. Hagnary ty hadisoanay iaby ao amireo halale ty
riake riha. [20]Hagnomea ty mare ho ahy Jakoba vaho fandefera ho ahy Abrahama Riha , manahake ty nifantanao
tamireo razambeinay tamireo andro taloha.

# Nahum

Chapter 1

[1]Ty fitalilia mikasike ani Ninive. Ty boky ty fahisaha ndre Nahoma, iaze Elkositay.[2]Zagnahare sarotene naho
mamale fate Yaveh. Mamale fate naho feno siake Yaveh. Mamale raty amy reo mpifampikilily amine ty Yaveh,
vaho manohy ty siane ho ahy ty fahavalone re. [3]Mahare-po naho bevata amity herene ty Yaveh; tsy hitalily reo
fahavalone ho tsy manan-tsiny na ombia na mbia re. Hanao ty lalane amity tafio-tioke ty Yaveh, vaho ty raho ro
lembo ty tombone.[4]Mivola mafe ty riake re ka magnamaike izay; zisike ty renerano iaby re. Kivy ty Basana, vaho
in Karmela avao kea; maleme folera i Libanona reo. [5]Mangitikitike amity fagnatreha reo vohitse, vaho miemotse
reo haboa; robake amity fagnatreha ty tane, eka vatane, ty tane naho ze ndaty iaby toboke amine ao.[6]Ia ro
hahatsanga agnoloa ty siane eo? Ia ro hahatohetse ty firehe ty siane? Mikororoke manahake ty afo ty siane,
vinakivakine vatobey reo.[7]Soa ty Yaveh, fiarova mafe amity andro fijalea, vaho matoky amy ze mialoke amine eo
re. [8]Fa hanampetse vatane reo fahavalone amity sikilone manempotse kea re; hagnidy iereo amity ieke agne re.
[9]Miteteke ino handiera ani Yaveh nareo vahoako? Hamara vatane izay re; tsy hisondrotse fagnidroene ty fijalea.
[10]Fa ho vagno tahotse manahake ty ala magnaragnitse; hirekereke ty zaka finomene; ho rava ty afo vatane
manahake ty lila maike iereo. [11]Nisondrotse taminao ao, Ninive, ty ndaty ze nivetsevetse zaka raty handiera ani
Yaveh, le ndaty ze nandrisike haratia.[12]Ezao ro tsarae Yaveh: "Na le amity tanjane vatane ao vaho maro isake aza
iereo, le ho lany iereo; tsy hisy ndaty sasy. Fa iriha, Joda: Na le nampijale anao aza raho, le tsy hampijale anano
sasy raho. [13]Vaho hanampake ty jonga reo ndaty aminao ao raho; hanampake reo fehenao raho."[14]Fa nagnomey

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

komandy mikasike anao ty Yaveh, Ninive: "Tsy hisy sasy ty foko hinday ty agnaranao. Handany reo saren-jaka
aloalo naho reo saren-jaka aily amy reo tragno reo Zagnaharenao raho. Hialy reo fanasanao raho, satria tsisy
dikane riha."
15 Ingo, egne am-bohitse ty tombo ty ndaty ze minday vaovao mahafale, ze mitalily fiadagna!
Ankalazao reo fifaleanareo, Joda, vaho vitao ty saragnareo, fa tsy hilay anareo sasy ty raty fagnahy; lany vatane
re.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 2

[1]Miboake handietse anao iaze hanorotoro anao ho poteke maromaroy. Mametraha mpiambe amity manda ty tana
eo, ambeno reo lala, hamafeso ty vatagnareo, avorio tafignareo reo. [2]Fa fa magnere amity ie ty hasy Jakoba
manahake ty hasy Israely ty Yaveh, na le rinava ty mpandrava aza iereo vaho pinoteke sampam-boalobone reo.
[3]Ty fiaro reo lahilahy mafe le mena, vaho reo lahilahy be herem-po misiky jaky; mamirapiratse ty metale gnireo
kelese amity andro vaho fa nanoe ho vonoe zay, vaho ty lefo kypreso le mitsingevaheva agne amity tioke.
[4]Mirifotse feno ty lala reo kalese; mifanaretsake etia naho eroa egne amity lalam-bey iereo. Mitovy amity fatike
iereo, vaho milay manahake ty helatse.[5]Mikaike reo manan-kasy iaze hanorotoro anao ho potekey; mifaminga
egne amity lalane iereo; mindeha malaky iereo mba hanafike ty manda ty tana. Vinono ty fiarova bevata mba
hiaro reo mpanafike.[6]Reo vavahady amity renerano eo le sinere sokafe, vaho robake ho amity faharava ty lapa.
[7]Nendahe ty siky ndre Hozaba vaho nalae; mangonotse manahake ty voromahilala sady miteve tratra reo
mpanompo vavene.[8]Manahake ty ranom-parihy mintente ty Ninive, vaho milay manahake ty rano mikoriake ty
vahoake. Ty hafa mikoriake tihoe: "Mijanogna, mijanogna," nefa tsy misy mitolike. [9]Alao ndevo ty volafotsy, alao
ho ndevo ty volamena, fa tsy hisy fiafarane zay, ho ahy ty famirapirata gnireo zaka sarobily Ninive iaby. [10]Tsisy
naho rava ty Ninive. Osa ty fo ty ndaty iaby, nirae nikorovoke ty lohale ty ndaty iaby, amity ndaty iaby ao ty
fijalen-bey; kivy iaby ty endre gniereo.[11]Amizao aia ty lavake ty liona, iaze toera ze famaha ty liona tanora, iaze
toera fomba ty liona lahy naho vave, miarake amy reo anan-diona, ze natahora gniereo ndra ino ndra ino?
[12]Mamoteke reo hazane ho ahy ty anane ty liona; nagnakenda reo hazane ho ahy ty liona vave re, vaho nameno ty
zohy ty amy reo haza, ty lavane amity sisan-taola voapoteke.[13]"Ingo, handietse anao raho-izay ro fitalilia Yaveh
Tompo ty maro. Horoako amity setroke ao reo kelesenao, vaho handevo reo liona tanora ty meso. ho lanieko
amity tanenao reo ndevonao, vaho tsy ho rey sasy ty feo reo mpinday hafagnao."

Chapter 3

[1]Loza ho ahy ty tana feno lio! Feno vande naho hanagna halatse iaby zay; amine ao zisikagne ndevo reo. [2]Fa
amizao le misy feo ty karanvatsy naho ty feo ty firodorodoa reo sarete, fikatroha reo sovaly, vaho ty firaondrao
reo kalese.[3]Misy fanafiha reo mpitikitse sovaly, hela ty meso, famirapira ty lefo, korontam-pate, fate milahatse.
Tsy misy fiafarane reo; voafinga ambone gniereo eo ty mpanafike aze. [4]Mitsanga zay naho ty fila ty makorele soa
tarehe, iaze voatsiriry amity sikily, ze mivarotse firene amity alala ty fivaron-tegna, vaho ty vahoake amity alala
ty fanaova sikily.[5]"Ingo, hamango anao raho-izay ro fitalilia Yaveh Tompo ty maro-hagnafake ty lambanao amity
tarehenao raho vaho haneho reo faretse mahamegnatse amy reo firene, ty hegnanao amy reo fanjaka. [6]Hanorake
halotoa mamparikoriko aminao raho vaho hanao anao ho raty; hanoeko ho ndaty fihentea ty ndaty iaby riha.
[7]Vaho ty ndaty iaby ze magnete anao le hilay anao vaho hivola tihoe: "Rava ty Niniva; ia ty mba hitagny aze?" aia
ty ahisahako ndaty hankahere anao?"[8]Niniva, feie vao riha soa naho i Teba, ze naore amity Renerano Neily, ze
nisy rano magnodidy aze, ka ranomasimbe ro rakone, ty riake avao ro mandany? [9]Etiopia naho Egypta ro
tanjane, Pota naho Lybia ro mpirae aly tamine.[10]Kanefa nindese ty Teba; agne amity fagnadevoa re; voatorotoro
tegne an-doha ty lala anane tanora reo; nanorake filoka ho ahy reo lahillahy manan-kasy reo fahavalone, vaho
voafehe tamy reo rojo vy reo lahilahy mafe. [11]Hizare mamo avao kea riha; hiezake hiviny riha, vaho hila fialofa
amy reo fahavalo avao kea riha.[12]Reo fiarova mafe le hanahake reo hetae aviavy miarake amity aviavy masake
aloha ty fotoa: laha hozongozogne iereo, le hihintsa am-bava ty mpihina ao. [13]Ingo, ty vahoake aminao ao le
ampela; reo vavahady ty tanenao le nisokafe midagnadagna ho ahy reo fahavalonao; nandevo ty hiline ty afo.
[14]Mandehana mantsaka rano amity faherano; hamafeso reo fiarovanao mafenao; mandehana amity tanemanga
vaho hosekoseho ty feta; alao ho ahy reo biriky ty tave. [15]Handevo anao agne ty afo, vaho handany anao ty meso.
Handevo anao manahake ty fandevogna ty valala ty zaka iaby zay. Anovo maro iasake manahake reo valala vao
ty vatgnareo, le ho maro manahake reo valala.[16]Nampitombo reo mpandratognao mihoatse ty kinta egne amity
lagnitse riha; nefa manahake ty valala vao regne; mandroba ty tane iereo ka avy eo le lasa mitily. [17]Maro
manahake reo valala ty roandrian-dahinao, vaho ze mivory amy reo ao manda ao amity andro manintsy. Fa
lahafa moboake ty masomndro le mitily agne amity toera tsy hay gnodaty reo.[18]Mpanjaka Asrya, niazon-tory reo
mpiambe agnodrinao; miroro amity fitofane reo mpandilinao. Niele an-bohitse egne ty ndtainao, vaho tsy misy
ndra ia ndra ia hamory iereo. [19]Tsy hisy fagnasitragna azo atao ho ahy ferenao reo. Mafe loatse reo ferenao. Ze
iaby mahare ty vaovao mikasike anao le hiteham-pifalea aminao eo. Ia ro afake milay ty haratianao mibaribary?

# Habakkuk

Chapter 1

[1]Ty hafatre ze sinora i Habakoka mpaminane: [2]"Re Yaveh, zisike-ombia ro hikaihako vonje, ka tsy hidranjy Riha?
Nikaike mafe Anao tao agnata ty horohoro raho hoe:" Rehareha!" kanefa tsy hamonje ahy Riha.[3]Nagnino ro
nataonao mahisake heloke raho naho mahisake ty fanaovan-draty? Famoteha vaho rehareha ro eo agnoloako;
misy fifandiera, naho fanangana fifamonoa. [4]Laha zao le tsy nanankere ty lalana, naho tsy naharetre tamity
andro iaby ty rarene. Fa nihodidigne ty hamarea ty raty fagnahy; ka le miakatre ty rarene diso." Mamale i
Habakoka Yaveh[5]"Henteo reo firene ka dineho iereo; ao ho gaga vaho ho tsereke! Fa le fa hanao zaka vatane raho
amireo andronareo ze tsy hinoanareo laha fa taone aminareo zay. [6]Fa ingo! Hagnakatre reo Kaldeana raho__ty
firene masiake vaho mafe__manao liaraike magnera ty borin-tane mba hambabo reo tragno ze tsy aze iereo.
[7]Magnorohoro vaho mampitahotre iereo; bakamity vata iereo ty fitsarane vaho ty famirapirane.[8]Reo soavaly avao
kea le malaky lia noho ty leoparda, malaky noho ty amboanala. Ka mirifotre ty soavale iereo, naho bakagne
lavitre vatane ty mpitiki-tsovale iereo_mitily manahake ty voromahere malisa hihina iereo. [9]Avy noho ty
rehareha iaby iaby; mindeha manahake ty tioke agne agnefetre ty vahoake maro iereo, naho mamory reo tratre
babo manahake ty faseke iereo.[10]Ka nagnaraty reo mpanjaka iereo, naho reo mpandily le fihehea iereo avao.
Nihehe ty fiaro mafe iaby iereo, satria nanasavovogna tagne iereo naho nitsepake iareo. [11]Le hoavy ty tioke;
handrio zay__ndaty meloke, reo ze here ro zagnahare iereo." Mametrake fagnontanea hafa amy Yaveh ty
Habakoka.[12]"Feie vao tsy bakamity nadro taloha Riha, ry Yaveh Zagnahareko, ty Raike Masiko? Tsy ho mate zahay.
Le fa nanendre iereo hotsarae Yaveh, naho Riha, ry Vatolampy, ro le fa nametrake iereo hahity.[13]Malio loatre ty
masonao laha handineke ty raty, naho tsy afake ty hagnente amim-pisaora ty fanovan-draty Riha; ka nagnino
naho ro nanao hente soa reo ze mamadike riha? Nagnino ro mitsy riha laha mitele reo mare kea noho iereo ty
raty fagnahy? [14]Nataonao manahake ty hazandrano ao andriake ty ndaty, manahake reo zaka milaly tsy misy

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

mpanampake aze.[15]Magnakatre aze iaby amity fita iereo; maninto ndaty ao amity haratom-pia iereo naho mamory reo ao amity haratone. Zay ty antone nifalea iereo vaho hikorahane mafe. [16]Laha zao le nanao soro ho ahy reo haratom-piane iereo naho nangoro liten-ketae magnitse ho ahy reo haratone, fa bibin'ala vondrake ro anjara iereo, naho hena vondrake ro sakafone. [17]Feie vao hagnafoa ty haratone iereo naho hanohy hamono reo firene, tsy mahatsapa hiferenay?"

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Hitsanga eo amity fiambenako vaho naho hampijano ty vatako eo amity tilikambo fiambena, naho hanente soa
raho mba hahisake ze horehafene amiko naho ty fomba hialako amity taraiko.[2]Namale ahy Yaveh vaho nanao
tihoe:" Tano zao fahisaha zao, naho sorato mazava eo amireo vato pisake ka iaby ze mamaky aze le ho afake
hamaky iereo mora avao. [3]Fa ho avy amity andro ty fahisaha naho hiseho avao amity farane fa tsy ho foa. Na le
tara aza zay, le lignaso. Fa tsy maintsy hoavy zay vaho tsy hitarezotre.[4]Ingo! Ze manam-pagniria tsy mare ao
agnatene le mieboebo. Te ty ndaty mare le ho velo noho ty finoane. [5]Fa ty divay le mpamadike ty ajalahy
mpiavognavo mba tsy hitoerane, fa hagnabey ty fagniriane manahake ty kibory, vaho manahake ty mate, ze mete
afa-po vatane. Avorine hoaze ty firene iaby vaho avorine hoaze ty vahoake iaby.[6]Tsy hamoro fomba firehake
hagnafaha aze naho antsa fagnafaha momba aze vao iaby iaby zay, ka hanao tihoe:" Loza ho ahy ze mampitombo
ty tsy aze! Fa zisike-ombia ro hanomboa ty lanja ty antoke ze nalaenao?" [7]Tsy hitsanga tampoke vao reo ze
mitifatre anao, vaho hifoha reo ze magnorohoro anao? hoavy lasibatre ho ahy iereo riha. [8]Satria riha nandrava
vahoake maro, ty vahoake sisa iaby le handrava anao. Fa nampipoke lio ndaty riha vaho nanao rehareha tamity
tane, vaho reo tana, naho reo iaby ze mitoboke amireo ao.[9]"Loza ho ahy ze tea harea amity fanaovan-draty ho
tombone ho ahy ty fokone, mba hahafahane magnore ty ankanene amity ambone mba hiarovane ty vatane egne
antagna ty raty." [10]Nizara hamegnara ho ahy reo fokonao riha tamity nandravanao ndaty maro, ka nanonta
tamity vatanao. [11]Fa hikorake bakeo amity manda reo vato, vaho reo vatan-ketae ro hamale iereo,[12]"Loza ho ahy
ze mananga tana amity lio, vaho ze magnore tanam-bey amity heloke." [13]Tsy bakamy Yaveh Tompo ty maro vao
ro hiasa reo vahoake amity afo naho ty hitofa reo firene amity zaka-foa? [14]Kanefa ty tane le ho feno fahaia ty hasy
Yaveh manahake ty rano manaro ty riake.[15]"Loza ho ahy ze mampino ty mpiray-toboke amine, riha ze magnisy ty
pizinao zisike hahamamoanao iereo mba hahafahanao magnente ty fiborida iereo." [16]Ho feno hamegnara riha fa
tsy hasy. Hino amizay avao kea, naho hanoro ty fiboridanao. Hihere hitolike aminao ty kapoake Yaveh eo
antagnane ankavana, naho hanaro ty hasinao ty fahafaham-baraka.[17]Ty rehareha natao agne Libanona hanaro
anao naho hagnorohoro anao ty harava reo biby. Fa nampipo-dio ndaty riha ka nanao rehareha tamity tane, reo
tana, vaho iaby ze mitoboke ao amirey.[18]Ino ro azonao amity sare sokitre? Fa ze nisokitre zay, na ze manao saren-
jaka anidina amity vy, le magnanatre vande; fa matoky ty asa-tagnane avao re laha fa magnamboatre reo
zagnahare moa reo. [19]"Loza ho ahy ze mirehake amity hetae hoe: Mifohaza!" na amity vato hoe:" Mitsangana" feie
magnanatre vao reo zaka reo? ingo, voaisy volamena vaho volafoty zay, kanefa tsy misy fofognay kea amizay. [20]Fa
Yaveh le ao antempoly masy! Mitsigna eo agnoloane, ry tane iaby."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Ty vavake Habakoka mpaminane: [2]Ry Yaveh, le fa reiko ty talilinao, naho matahotre raho. Ry Yaveh, velomo eo
agnivo reo andro reo ty asanao; hampahaio eo agnivo reo andro reo zay; tiarovo ty hana fandefera amity
helonao.[3]Niavy bakagne Temana Zagnahare, naho ty Masy bakagne ambohitse Parana. Sela. Manaro ty lagnitse ty
hasine, naho ty tane feno ty antsane.[4]Reo taratre roe ty tagnane le mamirapiratse manahake ty helatre, ze nihaja
ty herene. [5]Arete mahafate ro nindeha teo agnoloane, vaho arete-mandany ro nagnorike ty tombone.[6]Nitsanga re
ka nagnametatre ty tane; nanente re ka nagnozohozo reo firene. Na le reo vohitse maharetre zisike zay aza
torotoro, vaho voa ty tazoa tsy tsisy fitamperane. Tsisy fitamperane ty lalane.[7]Nahisake reo tragno Kosana azon-
kasahira raho, vaho ty fagnamboara ty lamba reo tragno tagne amity tane Midiana nihovitrovitre. [8]Meloke
tamireo renerano vao Yaveh? Feie ty helonao vao tamireo renerano, na ty helonao tamireo riake, laha fa nitikitse
reo soavalenao riha naho reo kalesem-pandreseanao?[9]Ninday ty folesenao tsy niarake tamity fitobohane riha;
nametrake bala-folese tamity folesenao riha! Sela. Nizara ty tane tamireo rano Riha. [10]Nahisake anao reo vohitse
ka nanaintay. Oram-bey mivatravatra ro nandrio teo amiereo; nagnakatre korake ty riake laleke. Nagnakatre reo
onjane zay.[11]Ty masoandro naho ty vola nitoboke teo ambone teo amireo fitobohane abo tamity hazava ty
folesenao ka nilay iereo, tamity famirapira ty taram-pazava ty lefonao. [12]Nindeha namakivaky ty tane tamin-
keloke riha. Tamity havignira ro nihosehoseanao reo firena.[13]Niakatse ho amity famonjea ty vahoagnao riha, ho
amity famonjea ty voahosonao. Manorotoro ty loha ty taranake raty fagnahy mba hahisaha ty foto ty
hatone.Sela[14]Tsinovonao tamity folesene avao ty loha reo mpialine laha avy manahake ty tafiotse hagnele anay
iereo, ty hafalea iereo le manahake ty mandrava ty mahantra agne amity toera mihaja. [15]Le fa nindeha
namakivaky ty riake tamity soavalinao riha, vaho namoravora reo rano bey.[16]Naharey raho, vaho nihorohoro ty
tao agnateko! Nipararetre tamity feo ty sogniko. Niavy tamity taolako ty fahalova, naho nihovitre ty vatako laha
niambe ampilamina ty andron-kasahira hiavia reo ndaty ze handrava anay.[17]Na le tsy mamoa aza ty
hetaen'aviavy naho tsy misy vokatre ty tahom-boaloboke; vaho ndre le mandiso fagnantegna aza ty hetae oliva
vaho tsy mamokatre hane reo baibo; vaho le horavae aza ty agnondry ao ambala naho tsy misy biby hare ao
ampihinana, le zao ro hanoeko.[18]Mboe hifalefale ao amy Yaveh raho. Hifale raho naho ty famonjean'Agnahare
ahike. [19]Ty Tompo Yaveh ro hereko vaho manao ty tomboko manahake ty ahy diera Reke. Mpandroso ahy agne
amireo toerako abo Reke.__Ho ahy ty bey ty mpiantsa, amity fisan-dokangako.

# Zephaniah

Chapter 1

[1]Zao ro safa Yaveh ze niavy tamy Zefania anadahy Kosy anadahy Gedalia anadahy Amaria anadahy Hezekia,
tamity andro Josia anadahy Amona, mpanjaka ty Joda. [2]"Hamoteke ty zaka-iaby tsy hoe eo ambone ty velaran-
tane vatane raho_zay ro fagnombara Yaveh. [3]Handrava ty ndaty vaho ty biby raho; handrava ty voro ty lagnitse
vaho ty fian-driake raho, ho eo amireo raty fagnahy ty harava. Fa haravako tsy ho eo ambone ty tane ty
ndaty_zay ro fagnombara Yaveh.[4]Hamototre ty tagnako eo amy Joda vaho amireo vahoake ty Jerosalema iaby
raho. Haravako tsy ho amity tane toy reo sisa Bala vaho reo agnara o ndaty mpanompo sampe eo amireo
mpisoro, [5]reo ndaty ze manompo reo tena egne amity lagnitse eo ambone tragno, naho reo ndaty manompo vaho
mifanta amy Yaveh kanefa vaho mifanta amity mpanjaka iereo. [6]Handrava reo ze le fa nivio tamity fagnoriha
Yaveh avao kea raho, reo ze tsy nipay Yaveh na nagnontane ty tari-dalane."[7]Ko mirehake eo agnoloa Yaveh
Tompo! Fa le fa marine ty andro Yaveh; le fa nagnoma fagnatetre vaho le fa nanoka reo vahinine re. [8]"Zay le
hiseho amity andro ty soro Yaveh, hanaze reo roandrian-dahy vaho reo anaka mpanjaka, naho reo iaby misiky
siky vahiny raho. [9]Amize andro zay le hanaze reo iaby ze mitreka ty tokona raho, le reo ze mameno ty tragno ty
tompone amity rehareha vaho fitake.[10]Ka amize andro zay__zao ro fagnombara Yaveh__fa hisy feo mitaray bakeo
ambavahadin-kazandrano, toreo bakeo amity tana ambane, naho hatonta vatane bakamireo tazoa. [11]Mitoreova,
ry vahoake Maktesy, fa ho rava reo mpandranto iaby; ho lany rava reo ze namory volafoty.[12]Naho amize andro
zay le hipay Jerosalema amity fanilo raho naho hanaze reo ndaty babo ty divaine vaho manao anakam-po hoe:"
Tsy hanao na ino ino ty Yaveh, na soa na raty." [13]Ho lasa babo ty harea iereo, naho ho lany ty tragno iereo!
Hagnore tragno iereo kanefa tsy hitoboke ao amireo, naho hambole voaloboke kanefa tsy hino ty divay reo.[14]Le fa
marine ty andro bey Yaveh, marine vaho malakia vatane! Ty feo ty andro Yaveh le hanahake ty mpialy mitaray
mafe! [15]Ze andro zay le ho andro ty heloke, andro ty fijalea vaho harava, andro ty tafio-tioke vaho famoagna,
andro ty fagnaliloa vaho faieke, andro ty raho vaho iem-pito. [16]Zay le ho andro ty trompetra vaho fanaira

handietse reo tana mimanda vaho reo tilikambo abo.[17]Fa hinday fijalea eo amity ndaty raho, ka hirererere manahake ty ndaty goa iereo satria le fa nanonta tamy Yaveh. Hararake manahake ty bon-tane ty lio iereo, naho ty ao agnate iereo le hanahake ty zezeke. [18]Na ty volafoty iereo na ty volamenane le tsy afake hamonje iereo amity andro-himelofa Yaveh. Ho rava ty afo ty hasarotampiaro ty tane iaby, fa hinday hafongana feno, raty amity vahoake ty tane iaby re."

Chapter 2

[1]Avorio ty vatanareo naho miharoa, ry firene tsy manan-kegnatse__[2]dieny mboe tsy avy ty lily naho dieny mboe
tsy mizara manahake ty afoka ty andro, dieny mboe tsy avy aminareo ty fireheta ty heloke mafe Yaveh, dieny
mboe tsy niavy aminareo ty andro ty helo Yaveh. [3]Mipaia Yaveh, ry vahoake soa iaby ambone ty tane ze
magnenke reo liine! Paio ty hamarea. Paio ty hatsotra, naho le mete ho voaaro nareo amity andro ty helo Yaveh.
[4]Fa i Gaza le ho lany, naho Askelona ho rava. Handroake i Asdoda amity mitataovovogna iereo, naho handany i
Ekrona! [5]Loza ho ahy reo vahoake agne amoron-tsirake, le ty firene reo Keretita! Le fa nirehake nandietse anareo
Yaveh, ry Kanana, tane reo Filistina. Handrava anareo zisike ty hilania ty vahoake raho.[6]Naho le ho lasa akata ho
ahy reo mpiarake agnondry vaho ho ahy ty valan'Agnondry ty moron-tsirake. [7]Reo faritre amoron-tsirake le ho
ahy reo tavela ty foko Joda, ty hiarake ty agnondry aman'ose ao. Ao amity foko i Askelona ro handignasa reo
vahoake iereo amity hariva, fa Yaveh Zagnahare iereo ro hikarakara iereo vaho hagnere ty fanagnane.[8]" Le fa
reiko ty rehake raty Moaba vaho ty latsa reo vahoake i Amona laha nirehake raty reo vahoakeko vaho nandialia
ty faritanene iereo. [9]Laha zao, laha velo kea raho__zao ro fagnombara Yaveh Tompo ty maro, Zagnahare Irsaely,
__hanahake Sodoma ty Moaba, naho reo vahoake Amona hanahake i Gomora;le ho toera ty alan'amiana vaho
lava-tsira, tane lao zisikezay. Fa ty sisa amireo vahoakeko kea hambabo iereo, naho reo sisa amity fireneko
hahalasa iereo ho fanagna."[10]Zay ro hahazo Moaba vaho Amona noho ty reharehane, satria nirehake raty vaho
nagnarabe ty vahoake i Yaveh Tompo ty maro iereo. [11]Naho natahotre Yaveh iereo, satria hirehake raty ty
zagnahare iaby ty tane re. Hanompo aze ty ndaty iaby, ty daty iaby bakamity toerane, bakamity moron-tsirake
iaby.[12]Nareo vaao kea ry Kosita le ho voatombo ty mesoko, [13]naho ty tagna Yaveh ro hanafike ty avaratre ka
hamoteke i Asyria, ka le ho lasa tane maike manahake ty tane efetre i Ninive. [14]Naho hiroro ao ty agnombe, ty
biby iaby reo firene, ty vorondolo ty efetre vaho ty soke le hiroro eo amity ambone ty ambene. Hisy kaike hiantsa
bakeo an-dafonete; ho tako reo ambe sedera voasokene.[15]Zay ty tana nifalea ze nitoboke tsy nisy tahotre, ze nanao
anakam-po tamine hoe; " Izaho ro ie, naho tsy misy hoeko." Nefa fa lasa raty re, toera natao mba hiroroa ty biby.
Iaby ze mandrio eo amine le hotea naho hamonko ty tagnane amin e.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Loza ho ahy ty tana mpavande! Voaloto ty tana mirehareha. [2]Tsy nidranjy ty feon'Agnahare re, na nagnanke
fagnaliloa bakamy Yaveh. Tsy natoky Yaveh naho tsy namonje an'Agnahare re.[3]Liona mitsero eo agnivo reo
lahilahine. Reo mpitsarane le amboanala amity hariva ze tsy magnenga na ino ino mba ho hane ty hamaray.
[4]Lahilahy marengerenge vaho mpamitake reo mpaminanene. Le fa nagnaraty ze masy vaho nanao rehareha
tamity lalana reo mpisorone.[5]Yaveh le mare eo agnivone. Tsy afake manao ty tsy mete re. Isa-maray ro hizarane
ty fitsarane! Tsy ho tako ao agnate ty hazava zay, fa ty ndaty tsy mare le tsy mahay megnatse.[6]"Lefa namoteke
firene Raho; rava reo fiaro mafe iereo. Rinavako reo lalane, mba tsy hisy na ia ia handrio eo amiereo. Rava reo
tanane ka tsy misy ndaty mitoboke ao amizay reo. [7]Nirehake raho hoe:" Hatahotre Ahy vatane riha." Enkeno ty
fagnaliloa ka tsy hiala amity tragnonao arake iaby ze le fa nomaneko hatao aminao riha." Feie tamim-pazotoa ro
nanomboha iereo isa-maray amity fanova ty asa raty iereo iaby.[8]Laha zao mandignesa ahy__zay ro fagnambara
Yaveh__zisike hiavia ty andro ze hitsanganako ho ahy ty niantsam-boy. Fa ty fanam-pahakeveko le ty hamory reo
firene, hamory reo fanjaka, naho handrarahako ty heloko amiereo, reo havignirako mafe iaby, mba ho rava ty afo
ty heloko reo tane iaby.[9]Fa hagnomea sogny malio ho ahy ty vahoake raho bakeo, mba hikaiha aze iaby amity
agnara Yaveh mba hanompo ahy miarake. [10]Bakagne andafe reo rano i Etiopia reo mpiantsa ahy__ty ndatiko ze
voaele__ro hinday reo fagnatetre ho ahy. [11]Amize andro zay le tsy ho megnatre amity7 asa ratinao iaby ze
nataonareo tamiko nareo, satria amize andro zay le horavaeko eo aminareo reo ze mandaza ty fieboebonareo,
naho satria tsy hanao fihetseke agnavognavo agne amity vohiko masy sase nareo.[12]Fa hienga anao manahake ty
ndaty magnetre-bata vaho mahantra raho, naho hialoke ao amity agnara Yaveh nareo. [13]Tsy hanao ty tsy rarene
na hirehake vande sase reo sisa ao Israely, naho tsy ahisaha lele mpamitake ao ambava iereo; ka hihina vaho
hiroro iereo, naho tsy hisy na ia ia hampatahotse iereo."[14]Miantsa, ry anak'ampela Ziona! Mikoraha, ry Israely.
Mifalea naho miravoa amity arofonao iaby, ry anak'ampela Jerosalema. [15]Nagnafake reo fagnaliloanao Yaveh;
nandroake reo fahavalonao re! Yaveh ro mpanjaka Israely aminao eo. Tsy hatahotre ty raty sase riha! [16]Amize
andro zay le hirehake amy Jerosalema iereo hoe:" Ko matahotre, ry Ziona. Ko magnenga ty tagnanao
hangozohozo.[17]Ao aminao Yaveh Zagnaharenao, le ty mahere mpamonje anao. Handaza aminao eo re naho
ankafalea ro hitsignane aminao eo ao amity fiteane. Hifale aminao eo re naho hanao koran-kafalea, [18]manahake
ty tamireo andro fifalea le fa voatondro. Hagnafake ty loza aminao eo raho; tsy hinday hegnatre amizay sase riha.
[19]Ingo, hifanao amity mpampijale anao iaby raho. Amize andro zay, hamonje reo mandrava naho hamory reo
rinoake raho. Hataoko manahake ty fiantsa iereo, naho hagnova ty hegna iereo ho laza magneran-tane raho.
[20]Amize andro zay le hitarike anareo raho; havorike miarake nareo. hataoko magnaja vaho miantsa nareo reo
firene iaby magnerantane, laha fa hisanareo fa nagnere anao amity pilasine raho," hoe Yaveh

# Haggai

Chapter 11Tamity tao faharoe nanjaka Dariosa mpanjaka, tamity fahaene ty vola, tamity andro voaloha ty vola, le
niavy tamity alala ty tagna Hagay mpaminane teo amy Zerobabela governora Joda, anadahy Sealtiela, naho reo
amy Josoa mpisorom-bey anadahy Jozadaka ty safa Yaveh, nanao hoe:

[2]"Yaveh Tompo ty maro mitalily zao: Zao ro nisafa reo vahoake reo:' Tsy andro hiaviantika na hagnoregnantika
tragno ho ahy Yaveh zao."[3]Bakeo le niavy tamity alala ty tagna Hagay mpaminane ty safa Yaveh, nanao hoe:
[4]"Andro hagnoregnanareo ao amity tragno vitanareo vao zao, laha ohatre ka mboe rava ze tragno zay? [5]Ka
amizao Yaveh Tompo ty maro mirehake zao: Dineho reo fombanareo! [6]Namafe voa maro nareo, fa nihaza vokatre
kele; nihina nareo nefa tsy entsake; nino nareo fa tsy mamo. Nisiky akanjo nareo fa tsy afake nagnafana ty
vatanareo, naho ty mpikarama le handrae vola hatao ao agnate kitapo feno loake avao avao![7]Zao ro safa Yaveh
Tompo ty maro:" Dineho reo fombanareo! [8]Miakara agne ambohitse , mindaisa hetae, naho aoregno ty tragnoko,
le hofale ao amizay raho, naho homean-kasy Raho!__hoe Yaveh." [9]"Mipay ty maro nareo, kanefa ingo! tragno kele
ro nientenareo, satria nitiofeko zay! Nagnino?" nagnombara Yaveh Tompo ty maro." Satria ty tragnoko le rava,
laha ohatre ka miasa ho ahy ty tragnone iaby ty kirai-kiraike aminareo.[10]Laha zao ty lagnitre le hita ty mika tsy ho
anareo, naho ty tane le hita reo vokane. Nikaike main-tane teo amity tane vaho teo amireo vohitse, teo amity vare
vaho teo amity divay vaovao, teo amity diloilo vaho teo amity vokatre ty tane, teo amity ndaty vaho teo amireo
biby, naho teo amireo asa ty tagnanareo iaby Raho!"[12]naho Zerobabela anadahy Sealtiela, vaho Josoa
mpisorombey anadahy Jozadaka, miarake amireo ndaty sisa tavela, le nagnenke ty feo Yaveh Zagnahare iereo
vaho reo safa Hagay mpaminane, satria Yaveh Zagnahare iereo ro nandefa aze naho reo vahoake le natahotre ty

tarehe Yaveh. 13Naho Hagay, ty mpinday ty talily Yaveh, le nirehake ty talily Yaveh tamity vahoake nanao hoe:"
Miarake aminnareo raho!__zay ro talily Yaveh!"14Ka nagnetseke ty fagnahy Zerobabela anadahy Sealtiela,
governora Joda, vaho ty fagnahy Josoa mpisorombey anadahy Jozadaka, naho ty fagnahy reo vahoake sisa tavela
iaby ty Yaveh, mba hindeha iereo ka hiasa amity tragno Yaveh Tompo ty maro, Zagnahare iereo 15tamity andro
fahefatre amby roapolo ty vola fahaene, tamity faharoe tao nanjaka Dariosa mpanjaka.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Tamity vola fahafito tamity andro faha raike amby roapolo ty vola, le niavy tamity alala Hagay mpaminane ty
safa Yaveh, nanao ty hoe: [2]"Mirehafa amity governora Joda, le i Zerobabela ana i Sealtiela, vaho amity
mpisorombey le i Josoa ana i Jehozadaka, naho amity sisa ty vahoake. Ambarao hoe:3 "Ia ro tavela aminareo ze
nahisake ty tragno toy tamity hasine taloha? Akore ty fahitanareo zay amizao? Feie vao tsy hoe ty tsinontsino eo
amasonareo zay? [4]Amizao, mimafea, ry Zerobabela!__zay ro talily Yaveh__naho mimafea, ry mpisorombey le i
Josoa ana i Jehozadaka; naho mimafea, nareo vahoake iaby amity tane!__zay ro talily Yaveh__naho miasa, fa
miomba anareo raho!__zay ro talily Yaveh Tompo ty maro. [5]Zay ty fagnenkeane ze naoreko taminareo laha
niakatre tagne Egypta nareo, naho mitoboke ao aminareo ty Fagnahiko. Ko matahotre![6]Fa zao ro safa Yaveh
Tompo ty maro: Ao agnate ty andro kele le hagnozongozo ty lagnitre vaho ty tane, ty riake vaho ty tane maike
ndraike Raho! [7]Hozongozogneko ty firene iaby, naho hinday reo zaka-lafo vily eto amiko ty firene iaby, naho ho
fenoeko hasy ty tragno toy, hoe Yaveh Tompo ty maro.[8]Ahy ty volafoty vaho ty volamena!__zay ro talily Yaveh
Tompo ty maro. [9]Ty hasy ty tragno toy le ho bey amity hoavy noho ty tagne amboalohane, hoe Yaveh Tompo ty
maro, naho eto amity toera toy ro hagnomeako filamina!__zay ro talily Yaveh Tompo ty maro."[10]Tamity andro
fahaefatre amby roapolo ty vola fahasive, tamity tao faharoe nanjaka Dariosa, le niavy tamy Habay mpaminane
ty safa Yaveh, nanao hoe: [11]"Zao ro nisafa Yaveh Tompo ty maro: Magnontanea reo mpisoro mikasike ty lala, ka
ambarao hoe: [12]'Laha misy ndaty minday hena ze voatoka ho ahy Yaveh ao amity valon'akanjone, naho mikasike
mofo na hane, divay na diloilo ty valognane, na ze karazan-kane, le tsy lasa masy vao zay?"' Namale reo mpisoro
ka nanao hoe:" Aha."[13]Le hoe Hagay:" Laha misy ndaty ze maloto amity fate mikasike reo zaka reo, tsy lasa maloto
vao reo?" Namale reo mpisoro ka nanao hoe:" Eka, lasa maloto reo." [14]Le namale Hagay ka nanao hoe:" Le hoe zay
kea ty vahoake toy vaho ty firene toy eo agnoloako!__zay ty talily Yaveh__naho hoe zay kea ty zaka iaby vita ty
tagna iereo: ze atolo iereo ho ahy le maloto.[15]Ka amizao, dineho ao an-tsainao ty lasa ka zisikamize andro zao
vatane. Taloha ty nametraha ty vato ambone ty vato tao antempoly Yabeh, [16]le nanao akore are zay? Laha niavy
teo amity antontam-bare roaplo fatra nareo, le folo avao ro nisy, naho laha niavy teo amity vatan-divay mba
handraoke dimampolo fatra nareo, le ropolo avao ro nisy. [17]Nagnisy anareo vaho ty asa ty tagnanareo iaby tamity
vare vaho ty mate foty Raho, nefa mboe tsy nihere tamiko avao nareo__zay ro talily Yaveh.[18]Hevero manomboke
ze andro zao, zisikamity andro fahaefatre amby roapolo ty vola fahasive, zisikamity andro ze nametraha ty foto
ty tempoly Yaveh. Hevero zay! [19]Mboe misy vao ao amity tragno famoria? Tsy namokatre ty divay, ty
hetaen'aviavy, ty ampongabein-dagnitse, naho ty hetaen'oliva! Fa manomboke amizao le hitahy anareo Raho!"[20]Le
lasa fagnindroene tamy Hagay tamity andro fahaefatre amby roapolo ty vola ty safa Yaveh ka nanao hoe:"
[21]Mirehafa amity governora Joda, le i Zerobabela, ka rehafo ty hoe:" Hagnozongonzo ty lagnitre vaho ty tane
Raho. [22]Satria haravako ty sezan-droandria reo fanjaka naho hopoteheko ty here reo fanjaka ty firene! Haravako
reo kalese vaho reo mpitikitre zay; ho lavo reo soavale vaho ty mpitikitse zay, ty kirai-kiraike lavo noho ty meso
ty rahalahine.[23]Amize andro zay__zay ro talily Yaveh Tompo ty maro__le halaeko riha, ry Zerobabela ana i
Sealtiela, ho mpanompoko__zay ty talily Yaveh. Hataoko hoe ty peratre fitombohan-kase riha , fa le fa nifily anao
Raho!__zay ro talily Yaveh Tompo ty maro!"'

# Zechariah

Chapter 1

[1]Tamity vola fahavalo tamity tao faharoe nanjaka Dariosa, le niavy tamy Zakaria anadahy Berekia anadahy Ido,
mpaminane, ty safa Yaveh, manao hoe: [2]"Meloke mafe tamireo razambeinao Yaveh! [3]Ambarao iereo hoe:' Zao ro
safa Yaveh tompo ty maro: Mitoliha amiko!__zay ro talily Yaveh tompo ty maro__le hitolike aminareo raho, hoe
Yaveh tompo ty maro.[4]Ao nareo tsy hanahake ty razambeinareo ze kinay reo mpaminane taloha, manao hoe:" Ia
ro rehafe Yaveh tompo ty maro: Miala amity lalan-dratinareo vaho ty fanovan-dratinareo!" Fa tsy naharey iereo
naho tsy niraharaha Ahy__zay ro talily Yaveh.' [5]Reo razambeinareo, aia iereo? Aia reo mpaminane, eto zisikagne
vao iereo? [6]Fa reo rehako vaho reo lalako ze nandiliako reo mpaminane mpanompoko, tsy le fa nahatratre reo
razambeinareo vao reo? Ka nibebake iereo naho nanao ty hoe:' Arake ze le fa nalaha Yaveh tompo ty maro hatao
aminay ty mete reo lalanay vaho reo asanay, ro nataone taminay.""[7]Tamity andro fahaefatre amby roapolo tamity
faha-raike amby folo ty vola, ze vola ty Sebata, tamity tao faharoe nanjaka Dariosa, le niavy tamy Zakaria,
anadahy Berekia anadahy Ido, ty mpaminane, ty safa Yaveh, manao hoe: [8]"Nahisake tamity hale raho, naho, ingo!
nisy lahilahy raike nitikitse soavale mena, naho teo amity hetae rotre ze teo amity baibo re; naho teo afarane le

nisy soavale mena, volontane misy mena, naho soavale foty." 9 Hoe raho ty hoe:" Ino ty raraha toa, ry Tompo?"
Bakeo le nisy anjele raike nirehake tamiko nanao tamiko hoe:" Hatoroko anao hoe ino reo raraha reo." 10 Naho ty
lahilahy ze nitsanga teo amity hetae rotre namale naho nirehake hoe:" Reo ro nalefa Yaveh mba hirererere
magnera ty tane." 11 Namale ty anjele Yaveh ze nitsanga teo amity hetae rotre iereo; hoe iereo tamine hoe:" Le fa
nirererere nagnera ty tane zahay; ingo, ty tane iaby le mboe mitoboke vaho mijano." 12 Le namale ty anjele Yaveh
naho nirehake hoe:" Ry Yaveh tompo ty maro, zisike ombia ro hanoroanao tsy fiferenaigna amy Jerosalema vaho
amireo tana Joda ze le fa niaretre heloke ze fitompolo tao zay?" 13 Namale ty anjele ze nirehake tamiko, tamity
rehake soa, rehake fagnamafea ty Yaveh. 14 Ka nirehake tamiko ty anjele ze nirehake tamiko hoe:" Mikaiha mafe
naho manova ty hoe:' Zao ro safa Yaveh tompo ty maro: Sarotene tamin-katea foloay tamy Jerosalema vaho tamy
Ziona Raho! Meloke mafe amireo firene ze ao agnate ty jale reo raho. 15 Laha mboe meloke kele tamireo Raho, le
vaho maike nagnaraty ty fijalea iereo. 16 Laha zao le zao ro Safa Yaveh tompo ty maro: Le fa nihere tamy
Jerosalema tamim-pandefera raho. Ho voaore ao agnatene ty tragnoko__ zay ro fagnambara Yaveh tompo ty
maro__naho ty famolay le ho henjagne amy Jerosalema!' 17 Mikaiha mafe ndraike, manao hoe:' Zao ro safa Yaveh
tompo ty maro: Ho tondrake soa ndraike reo tanako, naho hagnamafe i Ziona ndraike Yaveh, naho hifily i
Jerosalema ndraike re." 18 Le nagnakatre ty masoko raho naho nahisake trifa efatre! 19 Nirehake tamity anjele ze
nirehake tamiko raho hoe:" Ino reo?" Namale ahy re hoe:" reo ro trifa ze le fa nizara Joda, Israely, naho
Jerosalema." 20 Bakeo le nanoro mpanao asa tagna efatre tamiko Yaveh. 21 Hoe raho hoe:" Ino ro anton-dia reo ndaty
reo?" Namale re, naho nanao ty hoe:" Reo ro trifa ze niza Joda mba tsy hisy ndaty afake hagnakatre ty lohane. Fa
reo ndaty reo le avy mba handroake iereo, mba handrava reo trifa reo firene ze nagnakatre trifa mandietre ty
tane Joda mba hizara aze."

Chapter 2

1 Magnarake zay le nagnakatre ty masoko raho naho nahisake lahilahy niarake tamity taly fimetara tegne
antagnane. 2 Hoe raho ty hoe:" Hindeha ho aia riha?" Le hoe re tamiko hoe:" Hagnametatre Jerosalema, hagnente
ty borine vaho ty halavane."3 Le lasa ty anjele ze nirehake tamiko naho nisy anjele raike hafa niakatre mba
hanalaka aze. 4 Hoe ty anjele faharoe tamine hoe:" Milaisa naho mirehafa amity ajalahy igne; atalilio hoe:' Hitobke
eo amity tana mivoha Jerosalema noho ty hamaroa ty ndaty vaho reo biby ao amine. 5 Fa zaho__zay ro talily
Yaveh__le ho lasa manda afo magnodidy aze, naho ho hasy eo agnivone raho.6 Malakia! Malakia! Milaisa bakagne
amity tane avaratre__zay ro talily Yaveh__fa zaho le fa nizara anareo hoe ty tioke efatre ty lagnitre!__Zay ro talily
Yaveh. 7 Eh! Milaisa mbaeo Ziona, nareo ze mitoboke miarake amity anakampela Babylona!"'8 Fa tafara ty
nagnomea Yaveh tompo ty maro hasy ahy vaho nandefasane ahy handietre reo firene ze nanimba anareo__fa na
ia ia mikasike anareo, le mikasike ty anakandria-mason'Agnahare!__laha fa baka nanao zay Yaveh, le hoe re ty
hoe: 9 "Zaho vatane ro hamototre ty tagnako amiereo, naho le ho babo ho ahy reo ndevo iereo." Le ho hainareo fa
Yaveh tompo ty maro ro nagnirake ahy.10 "Miantsa ho amity hafalea, ry anakamplea Ziona, fa zaho vatane ro ho
avy vaho hitobe eo aminareo!__zay ro talily Yaveh." 11 Bakeo reo firenem-bey hiarake amy Yaveh amize andro zay.
Hoe re ty hoe:" Naho le ho lasa vahoakeko nareo; fa hitobe eo agnivonareo Raho," naho ho hainareo fa Yaveh
tompo ty maro ro nagnirake ahy ho eo aminareo.12 Fa Yaveh hampandova i Joda hoe ty fanagnane ara-drarene
agne amity tane masy naho hifily ndraike i Jerosalema ho aze. 13 Ko mirehake, eo agnoloa Yaveh, ry nofo iaby, fa
nitsanga bakao amity toerane masy Re!

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 3

[1]Bakeo Yaveh nanoro ahy i Josoa ty mpisorom-bey ze nitsanga nagnoloa ty anjele Yaveh vaho Satana nitsanga teo
antagnan-kavanane mba hita aze ho nanonta. [2]Hoe ty anjele Yaveh tamity Satana hoe:" Hirehake mafe anao anie
Yaveh, ry Satana; Yaveh, ze nifily Jerosalema anie, hirehake mafe anao! Feie tsy foroha sinarike tamity afo vao
toy?" [3]Nisiky siky maloto Josoa laha nitsanga teo agnoloa ty anjele.[4]Nirehake ty anjele naho nirehake tamireo ze
nitsanga teo agnoloane hoe:" Afaho amine reo siky maloto." Le hoe re tamy Josoa hoe:" Ingo! Le fa nafahako
taminao ty helonao naho hampiakanjoeko akanjo soa riha." [5]Hoe re ty hoe:" Ao iereo hagnisy hamama malio eo
andohane!" Le nagnisy hamama malio teo ambone loha Josoa iereo naho nampiakanjo aze tamity akanjo malio
laha nitsanga teo marine teo ty anjele Yaveh.[6]Bakeo ty anjele Yaveh nibaiko am-pahamarea Josoa naho nirehake
hoe: [7]"Zao ro safa Yaveh tompo ty maro: Laha hindeha amity lalako riha, naho laha hiambe reo liliko riha, le
hifehe ty tragnoko riha naho hiambe ty kianjako, satria hengako hindeha vaho hilitre eo amireo ze mitsanga
magnoloa Ahy reo riha.[8]Dranjigno, ry Josoa mpisorombey, riha vaho reo namanao ze mitoboke miarake aminao!
Fa fahaia reo ndaty reo, satria Zaho vatane ro hagnakatre ty mpanompoko ty Rantsana. [9]Naho henteo ty vato ze
natoboko eo agnoloa Josoa. Misy maso fito ao amio vato arere eo, naho hanao sokitre soratre Raho__zay ro talily
Yaveh tompo ty maro__naho hagnafake ty hadisoa amity tane toy ao agnate ty andro raike Raho.[10]Amize andro
zay__zay ro talily Yaveh tompo ty maro__ty ndaty kirai-kiraike le hagnafatre ty mpiara-belo amine mba hitoboke
ambane ty voalobone vaho ambane ty hetaen'aviavine."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Bakeo nitolike naho nanaitre ahy hoe ty ndaty taire amity rorone ty anjele ze nirehake tamiko. [2]Hoe re tamiko
hoe:" Ino ro hisanao?" Le hoe raho hoe:" Mahisake fanoan-jiro vita amity volamena vatane raho, miarake amity
fisi-diloilo eo antampone. Misy lela fanovan-jiro fito eo amizay naho misy fantso fito eo antampo ty lahin-jiro
kirai-kiraike. [3]Misy hetaen'oliva roe eo agnila zay, raike reo amity ilane amity tagnan-kavana ty fisi-diloilo naho ty
hafa eo amity ilane ankavia."[4]Laha zao le nirehake tamity anjele ze nirehake tamiko ndraike raho. Hoe raho hoe:"
Ino ro dika reo zaka reo, ry tompoko?" [5]Namale ahy ty anjele ze nirehake tamiko naho nanao tamiko hoe:" Tsy
hainao vao ty dika reo zaka reo?" Le hoe raho hoe:" Aha, ry tompoko."[6]Laha zao le hoe re tamiko hoe:" Zao ro safa
Yaveh tamy Zerobabela: Tsy amin-kere na amity ozatre, fa amity Fagnahiko, hoe Yaveh tompo ty maro. [7]Ino vao
riha, ry vohitse bey? Ho lasa tane gebo eo agnoloa Zerobabela riha, naho hinday ty vato atao lohane re mba
hikorake hoe:" Hasoava! Hasoava ho amizay!'"[8]Avy tamiko ty safa Yaveh, nanao hoe: [9]"Nanao ty foto ty tragno toy
ty tana Zerobabela naho hamita zay ty tagnane. Le ho hainao fa Yaveh tompo ty maro ro nagnirake ahy ho
aminao. [10]Ia ro nanao tsinontsino ty andro reo zaka malineke? Hifale reo ndaty reo naho hahisake ty vato pilao
egne antagna Zerobabela. (Reo lahin-jiro fito reo ro maso Yaveh te magnente zao iaby zao.)" [11]Bakeo le
nagnontane ty anjele raho hoe:" Ino reo hetaen'oliva roe zay mitsanga eo ankavia vaho ankavana ty fanovan-jiro
reo?"[12]nagnontane aze ndraike raho hoe:"Ino reo tehon-ketaemoliva roe agnila reo fantso volamena roe ty misy
diloilo volamena mily bakeo amine reo?" [13]Bakeo le hoe re tamiko hoe:" Tsy hainao vao hoe ino reo?" Hoe raho
hoe:" Aha, ry tompoko."[14]Laha zao le hoe re hoe:" Reo ro anan-diloilo vaovao te mitsanga magnoloa ty tompo zao
tontolo iaby zao."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 5

[1]Le nitolike raho ka niandrandra ty masoko, ka nahisake, ingo, sare-sare mizotro! [2]Hoe ty anjele tamiko hoe:" Ino
ro hisanao?" Le namale raho hoe:" Sare-sare taratasy mizotro ro hisako, roapolo metatre ty halavane naho folo
metatre ty borine."[3]Le hoe re tamiko hoe:" Toy ro ozo ty miakatre mgnera zao tontolo zao, fa ty mpangalatre iaby
le ho ravae manomboke zao ze miore amize rehafene amity andanene, naho iaby ze mirehake fifanta diso le ho
ravae ze miore amize rehafene amity agnilane, arake ty reha iereo. [4]"Ho akareko zay__zay ro talily Yaveh tompo
ty maro__ka hilitre ao antragno ty mpangalatre vaho eo amity tragno ze mifanta diso amity agnarako zay.
Hitoboke ao antragnone zay naho hanimba ty hetaene vaho reo vatone."[5]Le niakatre ty anjele ze nirehake tamiko
naho nirehake tamiko hoe:" Akaro ty masonao ka henteo ze avy eo" [6]Le hoe raho ty hoe:" Ino igne?" Le hoe re ty
hoe:" Haro misy efaha igne avy igne. Toy ro helo iereo amity tane iaby." [7]Le nalae tamity haro ty firake fanakofa
naho nisy ampela tao ambane zay nitoboke tao![8]Le nirehake ty anjele hoe:" Haratia toy!" Natorane tao agnate
haro ndraike re, naho natorane teo amity fisokafane ty firake fanakofa. [9]Nagnandrandra ty masoko raho naho
nahisake ampela roe mamonje ahy, naho ty tioke le tegne amity ela iereo__fa nana elatre manahake ty ela ty vano
iereo. Nagnakatre ty haro teo agnivo ty tane vaho ty lagnitre iereo.[10]Ka nirehake tamity anjele ze nirehake tamiko
raho hoe:" Ho ente iereo mbaia ty haro?" [11]Le hoe re tamiko hoe:" Hagnamboara tempoly agne amity tane Sinara
ho ahy zay, ka laha fa vogno ty tempoly, le hatoetre agne eo amity fotora voaoma ho aze ty haro."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 6

[1]Le nitolike raho naho nagnandrandra ty masoko ka nahisake kalese efatre niakatre bakeo agnivo ty vohitse roe;
naho reo vohitse roe reo le vita bakamity varahy. [2]Ty kalese voalohane le nana soavale mena, ty kalese faharoe
nana soavale mainte, [3]ty kalese fahatelo nana sovale foty naho ty kalese fahaefatre le nana soavale sada foty. [4]Le
namale raho ka nirehake tamity anjele nirehake tamiko hoe:" Ino reo, ry tompoko?"[5]Namale ty anjele ka nirehake
tamiko hoe:" Reo ro riatre efatre ty lagnitre ze niakatre teo amity toera ze nitsangana iereo teo agnoloa ty Tompo
tane iaby. [6]Ty raike ze miarake amity soavale mainte le miakatre mbaeo amity firene avaratre; reo soavale foty le
miakatre mbaeo amity firene ahandrefa; naho reo soavale sada foty le miakatre mbaeo amity firene antimo."[7]Reo
soavale mafe reo le niakatre naho nipay hindeha vaho hirererere egne amity tane, ka hoe ty anjele hoe:"
Mindehana mirererere egne amity tane!" naho nindeha nirererere era ty tane iaby iereo. [8]Le nitaray tamiko re ka
nirehake tamiko naho nanao hoe:" Henteo reo ze miakatre ho agne amity firene avaratre; hampijano ty
fagnahiko mikasike ty firene avaratre iereo."[9]Naho niavy tamiko ty safa Yaveh, manao hoe: [10]"Mangala fagnatetre
amireo tane an-tsesetane_bakagne Helday, Tobia, naho Jedaia_naho mindehana amize andro zay avao naho alao
ao antragno Josia ana i Zefania, ty bakagne Babylona zay. [11]Le alao ty volafoty vaho volamena, manova satron-
kasy naho atoboho eo amity loha Josoa anadahy Jozadaka, ty mpisorom-bey zay.[12]Mirehafa amine naho ambarao
ty hoe:' Zao ro safa Yaveh tompo ty maro: Toy lahilahy toy, ty agnarane le Rantsana! Hitombo eo amity misy aze
re vaho hagnore ty tempoly Yaveh! [13]Re ro hagnore ty tempoly Yaveh naho hananga agnabo ty famirapirane zay;
le hitoboke vaho handily eo amity sezan-droandriane re. Ho mpisoro eo amity sezan-droandriane re naho hisy ty
fazavan-tsay ty fiadagna eo amie roe.[14]Hatoboke eo amity tempoly Yaveh ty satron-kasy hagnomean-kasy i
Helema, Tobia, vaho Jedaia naho ho fahatiarova ty hasoam-pagnahy ty anadahy Zefania. [15]Naho reo ze lavitre le
hoavy vaho hagnore ty tempoly Yaveh, ka ho hainao fa Yaveh tompo ty maro ro nagnirake ahy ho aminareo; fa
hiseho zay laha vatane midranjy ty feo Yaveh Zagnaharenareo nareo!"'


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 7

[1]Tamy Dariosa mpanjaka ro mpandily zisike ty efa-tao, tamity andro fahaefatre nanjaka Kisleva(ty vola fahasive),
le niavy tamy Zakaria ty safa Yaveh. [2]Nandefa i Serezera vaho Regema-meleka naho reo ndatine ty vahoake
Betela mba hangatake agnoloa ty tarehe Yaveh. [3]Nirehake tamireo mpisoro ze tao antragno Yaveh tompo ty maro
vaho tamireo mpaminane iereo; hoe iereo ty hoe:" Tokone handala amity alala ty fifalian-kane vao raho amity
vola fahadime, manahake ze le fa nataoko tao maro reigne?"[4]Le niavy tamiko ty safa Yaveh tompo ty maro, nanao
hoe: [5]"Mirehafa amity vahoake ty tane iaby vaho amireo mpisoro ka anovo hoe:' Laha nifaly hane vaho nandala
tamity vola fahadime vaho fahafito nareo zisike ze fito tao zay, feie vao nifaly hane ho Ahy mare nareo? [6]Laha
nihina vaho nino nareo, feie vao tsy nino vaho nihina ho ahy ty vatanareo avao ro nambara Yaveh tamity vava
reo mpaminane taloha, laha mboe nitoboke tao Jerosalema vaho reo tana magnodidy tamity fagnambina naho
nitoboke tao Negeva, vaho reo gebo amoron-tsirake agne ahandrefa nareo?"'[8]Niavy tamy Zakaria ty safa Yaveh,
nanao hoe: [9]"Zao ro safa Yaveh tompo ty maro:' Mitsara amity fitsara mare, fagnenkea matoky, naho fandefera.
Ao ty ndaty kirai-kiraike hanao zay amity rahalahine. [10]Ty amity mpivem-bata vaho bode, ty vahiny, naho ty
ndaty mahantra__ko mampijale iereo, naho ao tsy hisy aminareo hihevetre raty ty hafa ao agnarofonareo.'[11]Nefa
nilietre ty hidranjy iereo naho nagnamafe ty soro iereo. Nagnily ty sofy iereo mba tsy haharey. [12]Nagnamafe ty
arofone manahake ty vato iereo mba tsy haharey ty lala na reo safa Yaveh tompo ty maro. Nandefa reo talily reo
ho ahy ty vahoake tamity alala ty fagnahy tamity andro taloha, tamity alala ty vava reo mpaminane Re. Nefa
nilietre ty hidranjy ty vahoake, ka meloke mafe tamiereo Yaveh tompo ty maro.[13]Naho laha fa nikaike Re, le tsy
nidranjy iereo. Manahake zay avao," hoe Yaveh taompo ty maro," ro hikaiha iereo mafe ahy, fa tsy hidranjy Raho.
[14]Fa haeleko amity talio agne amireo firene iaby ze tsy mboe hisane iereo, naho ho lao magnorike iereo ty tane. Fa
tsy misy ndaty handrio amity tane na hihere ao amizay satria le fa namadike ty tane iereo soasoa ho tane maike
ty vahoake."

Chapter 8

[1]Niavy tamiko ty safa Yaveh tompo ty maro, nanao hoe: [2]"Zao ro safa Yaveh tompo ty maro: Te vatane i Ziona
amity zotom-po foloay Raho naho sarotene noho ty amine amity heloke foloay Raho! [3]Zao ro safa Yaveh tompo ty
maro: hihere agne Ziona raho naho hitoboke ao agnivo Jerosalema, fa le kinaike hoe ty Tana ty Hamarea
Jerosalema naho ty vohy Yaveh tompo ty maro le hatao ty hoe Ty Vohitse Masy![4]Zao ro safa Yaveh tompo ty maro:
Lahy antetre vaho vave antetre ndaike ro ho egne andalambey Jerosalema, naho ty ndaty kirai-kiraike hipay tehe
ho egne antagnane satria le fa niha-antetre re. [5]Ho feno ajalahy vaho ajampela mihisa egne amireo lalam-bey ty
tane.[6]Zao ro safa Yaveh tompo ty maro: Amize andro zay laha misy zaka tsy hay atao eo amaso reo vahoake sisa
tavela, le tokone tsy ho hay atao eo amasoko kea vao zay?__zay ro talily Yaveh. [7]Zao ro safa Yaveh tompo ty maro:
Ingo, eo andalam-pagnavota ty ndatiko amity tane fivakia ty andro Raho naho eo amity tane fitsofora ty andro!
[8]Fa hinday iereo hihere Raho, naho hitoboke ao agnivo Jerosalema iereo, mba ho vahoakeko ndraike iereo, naho
ho Zagnahare iereo amity mare vaho amity fahitia Raho![9]Zao ro safa Yaveh tompo ty maro: Riha ze manohy
midranjy reo rehake mitovy ze niakatre bakamity vava ty mpaminane laha fa natoboke ty fotora ty tragnoko__ty
tragnoko toy, Yaveh tompo ty maro: Hamafeo reo tagnanao mba ho voatsanga ty tempoly. [10]Fa taloha ze andro zay
le tsy nisy vokatre voavory ty ndaty, tsy nisy tambone na ho ahy ty ndaty na ho ahy ty biby, naho tsy nisy filamina
ho ahy ty ndaty miakatre na militre bakamireo fahavalo. Le fa nametrake ty ndaty kirai-kiraike handietre ty
namane Raho.[11]Fa amizao zay le tsy ho hoe ty tamity andro taloha, hiomba ty sisa ty vahoake toy Raho__zay ro
talily Yaveh tompo ty maro. [12]Fa hafitse ty voa ty filamina; le hagnomea ty voa ty hetae voaloboke naho ty tane
hagnomea ty vokam-pamboleane; hagnomea ty mika ty lagnitse, fa hampandovaeko ze zaka zay ty sisa amity
vahoake toy.[13]Ohatre ho ahy reo firene ty ozo hafa nareo, ry foko Joda vaho foko Israely. Ka le hamonje anareo
Raho naho ho fitahia anareo. Ko matahotre; ao homafe ty tagnanareo! [14]Fa zao ro safa Yaveh tompo ty maro:
manahake ty nagnomanako hanao raty aminareo laha fa nahameloke Ahy reo razambeinareo__hoe Yaveh tompo
ty maro__naho tsy nandefetre Raho, [15]ro hagnomanako hanao zaka soa ndraike ho ahy Jerosalema vaho ty foko
Joda avao kea amize andro zay! Ko matahotre![16]Toa ro zaka ze tsy maintsy hataonareo: Mirehafa ty mare, ty
ndaty kirai-kiraike amity namane. Mitsara amity mare, rarene, naho filamina eo amity vavahadinareo. [17]Ko
manao fikasan-draty ao amponareo amity hafa, naho ko tea fiaignan-diso__satria malay reo zaka reo Raho!__zay
ro talily Yaveh."[18]Le niavy tamiko ty safa Yaveh tompo ty maro, manao hoe: [19]"Zao ro safa Yaveh tompo ty maro:
Ty fifalian-kane amity vola fahefatre, vola fahadime, vola fahafito, naho ty vola fahafolo le ho lasa andro ty
hafalea, fifalefalea, naho andro soa ho ahy ty foko i Joda! Laha zao teavo ty mare vaho ty filamina![20]Zao ro safa
Yaveh tompo ty maro: Hoavy ndraike ty vahoake, na le reo ze mitoboke amireo tana maro sambehafa aza.
[21]Hindeha ho agne amity tana hafa ty vahoake ty tana raike ka hanao ty hoe:" Ao hindeha malaky eo agnoloa
Yaveh tika ka hipay Yaveh tompo ty maro! Hindeha avao kea tika. [22]Vahoake maro vaho firene mahere maro ro
ho avy hipay Yaveh tompo ty maro agne Jerosalema naho hangatake ty fitea Yaveh![23]Zao ro safa Yaveh tompo ty
maro: Amize andro zay le lahilahy folo bakamity firehake vaho firene iaby ro hita ty moro ty akanjonao naho
hanao ty hoe:' Ao hiarake aminao zahay, fa le reinay fa miomba anao ty Zagnahare!"'

## Chapter 9

[1]Zao ro talily ty safa Yaveh mikasikike ty tane Hadraka vaho Damaskosy. Fa ty maso Yaveh le amity ndaty iaby,
naho kea amity foko Israely iaby. [2]Ty talily toy avao kea le mikasike i Hamata, ty mifanolotre amy Damaskosy,
naho mikasike i Tyro vaho Sidona zay, na le tena mare aza iereo.[3]Le fa nagnore fiaro mafe ho ahy ty vatane ty
Tyro vaho namory volafoty manahake ty fotake egne andala. [4]Ingo! handrava aze ty Zagnahare naho hanimba ty
ozane an-driake, mba ho rava ty afo re.[5]Hahisake i Askelona ka hatahotre! Hihovitre mafe avao kea ty Gaza!
Ekrona, ho rava ty fagnantegnane! Ho mate agne Gaza ty mpanjaka, naho Askelona le tsy hisy ndaty sase! [6]Hanao
ty tragnone ao Asdoda reo vahiny, naho handrava ty rehareha reo Filistina Raho. [7]Fa hagnafake ty lio iereo bakeo
amity vavane Raho naho ty haratia iereo eo agnivo ty nifene. Vaho le ho lasa sisa ho ahy ty Zagnahare manahake
ty foko agne Joda iereo, naho Ekrona le ho lasa manahake reo Jebosita.[8]Hitobe magnodidy ty taneko raho mba
handietre reo miaramila ty fahavalo ka tsy hisy raike aza afake mindeha na mihemotre, fa tsy hisy mpampijale
handrio eo amizay sase. Fa amizao le hiambe ty taneko amity masoko Raho![9]Mifalea amity hafaleam-bey, ry
anakampela Ziona! Mifalea an-kafalea, ry anakampela Jerosalema! Ingo! Avy amim-pahamarea aminao ty
mpanjaka naho magnavotre anao. Magnetre-bata re ka mitikitre eo amity borike, eo ambone anam-borike.
[10]Naho ho ravaeko ty kalese bakagne Efraima vaho ty soavale bakagne Jerosalema, naho ty folese le ho rava amity
aly; fa hirehake filamina amireo firene re, naho ty fandiliane le ho avy amity riake ka zisikamity riake, naho
zisikamity Renerano ka hatramity faram-bazan-tane![11]Laha ty aminareo, noho ty lio ty fagnenkeako ao aminareo,
le hafahako bakao andavake ze tsy misy rano reo gadranareo. [12]Mimpolia agne amity fiaro mafe, ry gadra ty
fagnantegna! Eka na le amizao aza le mitalily raho fa handietre agnabo roe ambone aminareo, [13]fa le nagnenja
Joda Ho foleseko raho. Le fa namaha ty anam-poleseko tamity Efraima raho. Le fa nanaitre reo anagnareo lahy
raho, ry Ziona, handietre reo anagnareo lahy, ry Grisia, naho le fa nanao anareo manahake ty meso ty mpialy
Raho, ry Ziona![14]Hiseho amiereo Yaveh, vaho hitifitse manahake ty helatre ty folesene! Fa Yaveh Tompoko hitioke
trompetra naho hindeha bakamity tafion-tioke bakagne Temana. [15]Yaveh tompo ty maro ro hiaro iereo, vaho
handrava iereo vaho haharese ty vatom-pilatsene reo. Vaho le hino iereo vaho hibabababa manahake ty ndaty
mamon-divay, vaho ho feno divay manahake reo finga iereo, manahake reo zoro ty alitara.[16]Ka amize andro zay
le hamonje iereo Yaveh Zagnaharene; le hanahake ty angondry ty vahoakene iereo, fa iereo ro ho hengo ty
satron-kasy, hiakatre eo amity tanene. [17]Fa akore ty hasoane vaho hasoan-tarehe iereo! Hagniry eo amity vare ty
ajalahy naho ty verijine eo amity voaloboke mamy!


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Mangataha ora amy Yaveh amity andro ty oran-dohatao__Yaveh ty nanao hotro-kora__naho magnomea ora
mivatravatra ho ahy ty ndaty iaby vaho ty zaka-maintso egne ambaibo. [2]Fa reo sampe ao antragno le mirehake
vande; ty mpisikily manao sare antsay vande; mirehake nofy fitake iereo naho magnomea fampionona avao, ka
mirererere hoe ty agnondry naho mijale noho ty tsy fisia ty mpiarake iereo.[3]Ty heloko le mirehetre amireo
mpiarake agnondry; reo oselahy__mpitarike__ro ho liloveko. Yaveh tompo ty maro avao kea le hiatreke reo
agnondrine, le ty foko Joda, naho hanao iereo hoe ty soavale findesene agne amity aly![4]Avy amiereo ro hiavia ty
vato fehen-joro; avy amiereo ro hiavia ty fihantognan-jaka ty lay; avy amiereo ro hiavia ty folese fialia; avy
amiereo ro hiavia ty mpitarike iaby hiarake. [5]Ho hoe ty mpialy te mandia ty fahavalone eo amity fotake ty lala
amity aly iereo; hialy iereo, satria Yaveh ro miomba iereo, naho hahamegnatre reo ze mitikitre soavale agnaly
iereo.[6]Hagnamafe ty foko Joda Raho naho hamonje ty foko Josefa; fa hampimpoly iereo amity lalane raho ka
handefetre amiereo. Ho hoe ty tsy niliereko iereo, satria Izaho ro Yaveh Zagnahare iereo, naho hamale iereo
Raho. [7]Le ho hoe ty mpialy ty Efraima, naho hifale hoe ty azo ty divay ty arofo iereo; hahisake zay reo anane ka
hofale. Hofale amiko ty arofo iereo![8]Hifioke ho ahy iereo raho naho hamory iereo, satria hamonje iereo Raho,
naho ho lasa foloay manahake ty taloha iereo! [9]Namitre iereo tegne amireo ndaty Raho, nefa hahatiaro ahy agne
amireo firene lavitre iereo, ka ho velo vaho hihere iereo vaho ty anane. [10]Fa hampoly iereo bakagne amity tane
Egypta Raho naho hamory iereo bakagne Asyria. Hinday iereo agne amity tane ty Gileda vaho Libanona Raho
mandra-tsy mpisia tragno ho ahy iereo sase.[11]Hamakivaky ty riake-fijalea iereo Raho; hagnisy reo onja ze riake
zay Raho naho hagnamaike ty halale Neily iaby. Hoambane ty hasy Asyria, naho ty tehem- panjaka Egypta hiala
amireo Egyptiana. [12]Hagnamafe ore iereo amiko raho, naho hindeha amity agnarako iereo__zay ro talily Yaveh.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 11

[1]Vohao ty lalanao, ry Libanona, mba handrava ty afo ty sederanao! [2]Mandala, ry hetae Kypreso, fa le nitonta ty
hetae sedera! Reo agnabo le fa rinava! Mandala, nareo ry hetae terebinta Basana, fa le fa ripake ty ala bey.
[3]Mitoreova reo mpiarake agnondry, fa le fa rava ty hasy iereo! Mitserogna ty feo ty ana ty liona, fa le rava ty
rehareha ty Rano Jordana![4]Fa zao ro safa Yaveh Zagnahareko:" Manahake ty mpiarake agnondry, miarake ty
agnondry ze ho vonoe! [5](mamono iereo ty mivily aze naho tsy voasaze, naho ty mivarotre aze reo manao hoe:'
Isaora anie Yaveh! Le fa lasa mpagnarivo Raho!' fa reo mpiarake miasa ho ahy reo tompon'agnondry le tsy
niantsa iereo.) [6]Fa tsy hiantsa ty vahoake ty tane sase raho!__zay ro talily Yaveh. Ingo! Ty vatako vatane ro
hagnere ty ndaty iaby eo antagna ty namane vaho eo antagna ty mpanjakane, naho handrava ty tane iereo naho
tsy hisy na raike amiereo aza hafahako eo antane iereo."[7]Ka le lasa mpiarake ty agnondry voalahatre ho vonoe
raho, ho ahy reo ze ninday ty agnondry. Nandrae tehe roe raho; ty tehe raike nataoko hoe"Hasoava" naho ty hafa
nataoko hoe"Fikambagna". Tamize fomba zay ro niarahako ty agnondry. [8]Mpiarake agnondry telo ro vinonoko
tao agnate ty volane raike, satria tsy naharetre tamiereo raho, naho nalay ahy avao iereo. [9]Le hoe raho tamity
tompon'agnondry hoe:"Tsy hiasa ho mpiarake agnondrinao sase raho. Ty agnondry ze mate__le aleo ho mate, ty
agnondry ze rava__le aleo ho rava. Ao ty agnondry ze sisa tavela sambe hihina ty nofo ty namane."[10]Le nalaeko ty
teheko" Hasoava" naho sinimbako zay mba handravako ty fagnenkea ze le fa nataoko tamireo fokoko iaby.
[11]Tamize andro zay le rava ty fagnenkea, ka reo ze ninday ty agnondry vaho nagnente Ahy le nahay fa nirehake
Yaveh. [12]Le hoe raho tamiereo hoe:" Laha ohatre ka soa aminareo zay, le aloavo ty karamako. Fa laha tsy zay, le
engao avao." Ka le niente iereo ty karamako__sekele volafoty telopolo.[13]Naho hoe Yaveh tamiko hoe:" Atoboho ao
amity fisy raketre ty volafoty, ty viline soa vatane ze nanombagna iereo anao!" Ka le nalaeko ty sekele volafoty
telopolo naho natoboko tao amity fisy raketre tao antragno Yaveh. [14]Bakeo pinoteko ty teheko faharoene,
"Fikambagna", mba handrava ty firahalahia Joda vaho Israely.[15]Hoe Yaveh tamiko hoe:" Alao ho ahy ty vatanao
ndraike ty raraha ty mpiarake agnondry gege, [16]fa ingo, hagnisy mpiarake agnondry eo amity tane raho. Tsy
hiraharaha ty agnondry mate re. Tsy hipay ty agnondry robake re, na kea hagnafake ty mandrava. Tsy hamaha ty
agnondry ze salama re, fa hihina ty nofo ty agnondry vondrake naho handrasa ty kitro reo.[17]Loza ho ahy ty
mpiarake agnondry tsy soa ze mahafoe ty agnondry! Hagnisy ty sandrine vaho ty masone ankavana anie ty
meso! Halazo anie ty sandrine anho ho goa ty masone ankavana!"



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 12

[1]Toy le talily ty safa Yaveh mikasike Israely__talily Yaveh, ze nagnakatre reo raho vaho nametrake ty foto ty tane,
ty manao ty fagnahy ty ndaty ao agnate ty ndaty hoe: [2]"Ingo, eo andalam-panova i Jerosalema agnate kapoake
Raho hahavy reo vahoake iaby magnodidy aze hivembe. Le hanahake zay avao kea ty ahy Joda zisike ty faherano
Jerosalema. [3]Amize andro zay, hataoko ho vato mavesatre ho ahy ty ndaty iaby ty Jerosalema. Ze magnakatre ty
handay ze vato zay le handratre mafe ty vatane, ka hiharo handietre ze tana zay reo firene ty tane iaby.[4]Amize
andro zay__zay ro talily Yaveh__hagnisy ty soavale kirai-kiraike amity horohoro raho naho ty mpitikitre aze
amity harobahan-tsay. Hagnente am-pitea ty foko Joda raho naho hagnisy ty soavale reo tafike amity hagoa.
[5]Bakeo reo mpiraike Joda hirehake ankampo hoe:' Reo vahoake Jerosalema ro ozantika noho Yaveh tompo ty
maro, Zagnahare iereo.'[6]Amize andro zay le hataoko manahake ty fata mirehetre egne amity hetae naho
manahake ty fanilo egne amity amboara reo mpitarike ty Joda, fa iereo ro handrava reo firene iaby magnodidy
eo ankavanane vaho eo ankaviane. Hitoboke eo amity toerane ndraike ty Jerosalema."[7]Hamonje reo tragno Joda
Yaveh, mba tsy ho bey noho ty sisa tavela amy Joda ty hsay ty foko Davida vaho ty hasy reo ze mitoboke ao
Jerosalema. [8]Amize andro zay le ho mpiaro reo vahoake Jerosalema Yaveh, naho amize andro zay le hanahake
Davida, naho ty foko Davida le hanahake an'Agnahare, manahake ty anjele Yaveh eo agnoloa iereo. [9]"Amize andro
zay le hanomboke handrava reo firene iaby ze lasa handietre Jerosalema Raho.[10]Nefa hangnily ty fagnahy ty
fiferenaigna vaho taray amity foko Davida vaho reo vahoake Jerosalema raho, mba hitoliha iereo amiko, ty iaze
tinombo iereo. Handala noho ty amiko, manahake ty ndaty mandala noho ty amity anadahine arere iereo;
handala ho aze manahake reo ze mandala noho ty fate ty voalpha nana iereo. [11]Amize andro zay ty fandala ao
Jerosalema le hanahake ty fandala tao Hadadrimona eo amity gebo Megido.[12]Handala ty tane, ty foko maro kirai-
kiraike hitoka amireo foko maro hafa. Ty foko Davida hitoka naho reo valy iereo hitoka amireo lahilahy. TY foko
maro i Natana hitoka naho reo valy iereo hitoka amireo lahilahy. [13]Ty foko ty Levy hitoka naho reo valy iereo
hitoka amireo lahilahy. Ty foko reo Simeita hitoka naho ty valy iereo hitoka amireo lahilahy. [14]Ty foko kirai-
kiraike amireo foko maro tafijano__ty foko kirai-kiraike le sambe hitoka-toka naho ty valy iereo hitoka amireo
lahilahy."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 13

[1]"Amize andro zay le hisy loharano hivoha ho ahy ty foko Davida vaho reo vahoake Jerosalema, noho ty hadisoa
iereo vaho ty tsy falio iereo. [2]Amize andro zay__zay ro talily Yaveh tompo ty maro__ro hamoagnako ty agnara reo
sampe amity tane mba tsy ho tiarove sase iereo. Hampiakatre reo mpaminane tsy mare vaho ty fagnahy maloto
iereo amity tane avao kea Raho.[3]Laha misy ndaty manohy maminane, le hirehake amine ty raene vaho ty renene
ze niterake aze hoe:' Tsy ho velo riha, satria mirehake vande amity agnara Yaveh!' Bakeo ty rae vaho rene ze
niterake aze hitomboke aze lefo laha fa maminane zay.[4]Amize andro zay ty mpaminane kirai-kiraike le ho
megnatre amity fahisahane laha fa eo ampamisavisa re. Reo mpaminane reo le tsy hanao lamba voloe, mba
hamitaha ty ndaty sase. [5]Fa ty kirai-kiraike hirehake ty hoe:' Tsy mpaminane raho! Lahilahy miasa tane raho,
satria ty tane ro lasa asako laha mboeny ajalahy raho!' [6]Fa hisy ndaty raike hirehake amine hoe:' Ino reo fere eo
agnivo reo sandrinao reo?' naho hamale re ty hoe:' Nifere niarake tamireo ze tao amity tragno reo namako
raho.'"[7]"Ry meso! Akaro amity mpiarake agnondriko, ty lahilahy ze mitsanga eto agnilako ty vatanao__zay ro
talily Yaveh tompo ty maro. Asio ty mpiarake agnondry, le hizara reo agnondry! Fa hagnere ty tagnako handietre
reo malineke Raho.[8]Naho magnera ty tane iaby__zay ro talily Yaveh__le hisy roe ampahatelo zay ho ravae! Ho
rava reo ndaty reo; raike ampahatelone avao ro hijano agne. [9]Ho enteko amity afo io ampahatelone eo naho ho
lioveko manahake ty malio volafoty iereo; ho henteako manahake ty volamena voa hente iereo. Hikaike ty
agnarako iereo, ka hamale iereo raho naho hanao ty hoe:' Toy ro Ndatiko!' naho hirehake iereo hoe:' Yaveh ro
Zagnahareko!'"



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 14

[1]Ingo! Hoavy ty andro Yaveh laha fa ho zarae eo agnivonareo ty babonareo. [2]Fa havoriko handietre Jerosalema
amity aly ty firene iaby ka ho voababo ty tana. Reo tragno le ho voababo naho ty ampela ho voa-seresere. Ty vaky
ty tana le ho voababo, fa ty sisa tavela amireo ndaty le tsy hafaha eo amity tana.[3]Fa Yaveh le hiakatre naho hialy
amireo firene manahake aze laha fa mialy amity andro ty aly. [4]Amize andro zay ty tombone le hitsanga eo
ambone ty vohitse Oliva, ty eo agnila Jerosalema agne antignana. Ty Vohitse Oliva le hitrerake roe naho ho
sarahe ty baibo bey naho ty vaky ty vohitse le hihere magnoloa ty avaratre naho ty vakine magnoloa ty antimo.
[5]Bakeo riha hilay hizotro ty baibo eo agnivo reo vohitse Yaveh, fa ty baibo eo agnivo reo vohitse le hipake
zisikagne Azela. Hilay manahake ty nilaisanao tamity horohoron-tane tamireo andro Ozia, mpanjaka Joda riha.
Le hoavy Yaveh Zagnahareko naho hiarake amine iaby reo ndaty masy iaby.[6]Amize andro zay le tsy hisy hazava,
fa tsy hisy na nara na fagnafake. [7]Amize andro zay, andro te Yaveh arere avao ro mahay, le tsy hisy andro na hale
sase, fa ty hariva le ho lasa andro ty hazava. [8]Amize andro zay ty rano velo le hily hiakatre agne Joresalema. Ty
vaky reo le hily amity riake antignana naho ty vakine amity riake ahandrefa, amity asara vaho amity asotry.[9]Ho
mpanjaka amity tane iaby Yaveh. Amize andro zay le hisy Yaveh, Ty Zagnahare toka, naho ty agnarane arere
avao. [10]Ty tane iaby le hanahake Araba, manomboke ao Geba ka zisikagne Rimona antimo jerosalema. Hakare
zisikagne Jerosalema naho hitoboke amity toerane arere, zisikagne amity vavahady Benjamina ka hatragne
amity toera ze nisy ty vavahady voalohane, hatragne amity vavahady an-jorone, naho zisikagne amity Tilikambo
Hananela ka hatragne amireo faneaham-boaloboke ty mpanjaka. [11]Ty vahoake le hitoboke agne Jerosalema naho
tsy hisy harava vatane bakaminagnahare handietre iereo sase. Hievlo tsy amim-pisala-sala ty Jerosalema.[12]Zao ro
ho loza ze hagnisia Yaveh reo vahoake iaby nialy nandietre i Jerosalema: ty nofo iereo le ho lo na le mitsanga
amity tombone aza iereo. Ty maso iereo le ho lo ao amity tombo iereo naho ty lela iereo ho lo ao ambava iereo.
[13]Amize andro zay ty tahotre bey bakamy Yaveh le hoavy amiereo. Ty kirai-kiraike le hita ty tagna ty hafa, naho ty
tagna ty raike le hiakatre hagnisy ty tagna ty raike hafa.[14]Joda avao kea le hialy handietre Jerosalema. Hamory ty
harea reo firene magnodidy iaby iereo__Volamena, volafoty, naho siky soa maro bey. [15]Ty loza avao kea le ho
amireo soavale vaho reo ampondra, reo rameva vaho reo borike, naho reo biby iaby ao amireo tobe reo avao kea
le hijale amize loza zay avao.[16]Naho zao ro hiseho, iaby ze tavela ao amireo firene ze avy mandietre Jerosalema le
hiakatre isan-tao kea mba hiantsa ty mpanjaka, le Yaveh tompo ty maro, naho hiambe ty fifalea ty fialofa. [17]Laha
tsy mindeha miakatre ho agne Jerosalema mba hiantsa ty mpanjaka, le Yaveh tompo ty maro, ty ndaty bakamireo
firene iaby ty tane, le tsy hinday ora amiereo Yaveh. [18]Laha tsy miakatre ty firene Egypta, le tsy hahazo ora iereo.
Hisy arete-mandany bakamy Yaveh ze hagnisy reo firene ze tsy hiakatre mba hita ty fifalea ty Fialofa.[19]Zay ro ho
fagnaliloa ho ahy Egypta naho fagnaliloa ho ahy ty firene iaby ze tsy miakatre mba hita ty Fifalea ty Fialofa.[20]Fa
amize andro zay, ty lakolosy reo soavale le hirehake hoe:" Atokano ho ahy Yaveh," naho reo koveta ao amity
tragno Yaveh le hanahake ty finga boribory eo agnoloa ty alitara. [21]Fa ty velagne tanemanga iaby ao jerosalema
vaho Joda le hatoka ho ahy Yaveh tompo ty maro naho iaby ze minday soro le hihina amireo naho hampandeve
ao agnate reo. Amize andro zay reo mpivarotre le tsy ho ao antragno Yaveh tompo ty maro sase.

# Malachi

## Chapter 1

[1]Ty fitalilia ty rehagn'Yaveh tamy Israely tamy alala ty tagna i Malakia. [2]''Fanitea anareo Raho,'' hoe ty Yaveh.
Kanefa nareo nanao tihoe: ''Nanao akore ty niteanao anay?'' ''Tsy mpiraitam-po amy Jakoba vao ty Esao?'' hoe ty
natalily Yaveh. ''Jakoba ro teako, [3]te Esao hejeko. Ty vohie lefanatako tsimisy, vaho fanataho hitoboha hoahy reo
ambadala bakegne agnala ty lovane.[4]Naho mitalily i Edoma tihoe: ''Nalavo zahay, kanefa hampimpoly ty rava
zahay,'' le hitsara Yaveh Tompo ty maro hoe: ''Mete hampitsanga iareo, nefa horavaeko ndraike. Hafa reo le
hikaike aiereo tihoe: Tana ty haratia' naho tihoe: 'Reo fokonolo nozogne Yaveh zosikamparane.' [5]Hahisake zane ty
masonareo, vaho hivola nareo tihoe: 'Yaveh le befoloay mihotse reo faritane Israely.''[6]''Manahake ty lahilahy
magnomey vininahitse babane, naho ty mpiasa magnomey voninahitse ty tompone. Naho rae Raho, aia ty
voninahitso?'' Naho tompo Raho, aia ty fanehoa ty fagnajagn'Ahike?'' hoe ty Yaveh Tompo ty maro tamy reo
mpisoro, zay nanao tsinotsino ty agnarako. ''Saike nareo tihoe: 'Manao akore ty anaovanay tsinotsino ty
agnaranao?' [7]Tamy ty fanolora mofo maloto hoeo amy alitarako. Saike nareo manao tihoe: 'Manao akore ty
handotoanay Anao.' Tamy ty fitalilia te tsy misy dikae ty latabay Yaveh.[8]Naho fananolotse biby goa nareo hatao
soro, ka tsy raty zay?Naho fananolotse kombimba naho marare nareo, ka tsy raty zay?'' Ahelagno agne amy ty


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

governinora nareo zane! Handrae anereo vao reke na hamelognanareo?'' hoe ty Yaveh Tompo ty maro.
[9]Amihenaneo nareo le mboe magnontany ty vatan'Andragnahare, mbo hamindrane arofo amintika. Te Yaveh
Tompo ty maro nitalily te amy ty soro manahake antagnanareo, hamelognanareo Reke amizane?[10]Naho nisy raike
taminareo nandrindry lalagny fiangonagny, mba tsy hozaka tsy misy dikae ty ampirehetanareo afo agnalitara eo!
Tsy mankasitrake anareo Raho, ''hoe ty Yaveh Tompo ty maro: ''vaho tsy handrae ty sorogny ty taranagnareo
Raho. [11]Fa ty agnarako hobefoloay eo amy reo tane vaho kila toere iaby manomboke amy ty fitsiriha iandroy
amparake itsoforane vaho diten-ketae magnitse naho soro malio ro hatoloe amy ty agnarako. Fa ty agnarako le
hobefoloay eo amy reo tane.'' hoe ty Yaveh Tompo ty maro. [12]Famagnaraty zane nareo iaby mitalily te maloto ty
lataba i tompo, vaho reo vokaereo hanene, le hatao tsimisidikae.[13]Nareo kea manao tihoe: 'Mandrerake kea reke
zane, le nihemotse tamy bzane nareo, ''hoe ty Yaveh Tompo ty maro. ''Nanday zay naria tamy bibi-ly nareo na
mbiko na marare; vaho nandesenareo hosorognareo zane. Tokone handrambe zane bakan-tagnanareo egne vao
Raho?'' hoe Yaveh. [14]''Lonike hozogne ty mpamitakezay mana aondry lahy ao amy ty aondry naho mifanta te
hagnomey Ahike zane, vaho mboe magnomey zay mbiko Ahike, Tompo! Zaho le mpanjake befoloay,'' hoe ty
Yaveh Tompo ty maro,'' vaho ty Agnarako le homeam-boninahitse eo amy re tane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Ianareo mpisoro, ho anareo ty lily toy. [2]"Naho tsy hijajy nareo naho tsy hametrake amponareo, mba hagnomea
hasy ty agnarako nareo, "hoe te Yaveh Tompo ty maro. ''Handefa fatse aminareo Raho, sady hamatse ty hasoa
Raho. Eka rie, fa namatse iareo Raho, naho ty tsy fanoa iareo ty liliko ampo iareo.[3]Ingo, hirehake mafe ty
taranagnareo Raho, sady tsy himitse amity vatagnareo Raho.Zezeke amity fifaleanareo, hagnosotse anareo
miarake amizay reke. [4]Le ho haiareo, te nandefa lily taminareo Raho, sady tifimeteako le mira aminareo levy,
''Hoe Yaveh Tompo ty maro.[5]Ty fifanenkeako tamine le fiaigna naho fiadagna, vaho nimeiko iareo reke; nimako
tahotse reke, vaho natahotse Ahike reke, vaho nitsanga tamy tahotsr ty agnarako reke. [6]Fampianara marene ty
tam-bavae egne, vaho tsy nisy diso tamy ty sogniegne. Niarake tamy mpiadagna naho tamy mpahamarina tamiko
reke vaho niamboho ntamy ty fomba maro tamy ty ota. [7]Fa ty sogny ty mpisoro le tokone hanam-pahaiza vaho
fkonolo tokone hipay fagnanara bakamine, satria mpinday hafatr' Yaveh Tompo ty maro reke.[8]''Fa nareo niala
tamy ty lala marene. Nahotogna ty maro tafitohy amy ty fanjaka ty lalagnareo. Nandika ty fanenkem-pihavagna
ty Levy nareo,'' hoe ty Yaveh Tompo ty maro. [9]Naho zane Izaho avao kea, le fananao anareo hotsimisidikae naho
raty eo amy ty fokonolo iaby, satria tsy nitandre ty lalako nareo, fakoa naneho fanavakavaha tamy ty
fagnanara.''[10]Tsy raike avao va ro antika iaby? Tsy Andragnahare avao va ro namboatse antika? Nanao akore tika
ndaty kiraikiraike ro kele finoa amy ty rahalahine, magnaraty ty fanankea reo razantika? [11]Joda le kele finoa.
Raraha mamparihy ri tao amy Isrsely nsho ty tao Jerosalema. Fanagnaraty ty toera masign' Yaveh zay tene i Joda,
ka nanambaly ty anakampela ty andragnahare hafa.[12]Lonike ty Yaveh hampiala reo lay i Jakoba ze lahilahy
nanao zay, aze nifoha naho aze namale, na le nanday soro hoahy Yaveh Tompo ty maro aza reke[13]Ataovonareo
avao kea zao: Rakofanareo amy ty rano maso ty alitara Yaveh, amy ty tagny naho taray, satria reke le tsy mbo
mitolike amy aze soro na mandrae zane amim-pankasitraha bakan-tagnareo.[14]Nareo manao tihoe: ''manao akore
reke tsimanao zane?'' Satria Yaveh le vavaolom-belo taminareo eo naho ty valy tamy ty naha pamarake anareo,
tamy zay naha kele finoa anareo io, na le mpiaradia aminareo na ty valiareo tamy ty alala ty fifanenke aza reke.
[15]Tsy natamae horaike va iareo, miarake amy ty pilagny ty fagnahine? Ka nanao akore nareo ro nae horaike?
Satria reke le nipay taranake baka amin'Andragnahare. Ka ambeno ao amy ty fagnahinareo ao ty vatagnareo,
vaho aza tsy matoky ty valy ty hapamarakinareo. [16]''Famalay ty fisaraha Raho, hoe Yaveh, Andragnahare Ysraely,
''vaho aze mandimboke ty lambae amy ty herene, ''hoe Yaveh Tompo ty maro. ''Ka ambeno amy ty fagnahinareo
ao ty vatagnareo vaho ka kele finoa.''[17]Nandreraka Yaveh amy ty rehagne nareo. Nareo nanao tihoe: ''Nanao
akore ty nandrerahanay Aze?'' Tamy ty rehake hoe: ''Ze manao raty le soa eo imaso Yaveh, vaho mankasitrake
aierero Reke,'' na tihoe: Aia ty Andragnahare ty fahamarena?''



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 3

[1]Ingo, fahandefa ty irako Raho, vaho reke hagnoma ty lala eo agnoloako. Ka hoavy tampoke ao amy ty anjomba i
Tompo zay paienareo. Aze irake ty fanenkea hoteanareoy, ingo, fahoavy reke,'' hoe ty Yaveh Tompo ty maro. [2]Fa ia
moa ty hahefa haharetse ty hihaviane? Ia ty hahavita hitsanga naho jilo Reke? Fa Reke hanahake afo ty belake
naho savony mamore anasan-damba. [3]Hitoboke manahake ty mpndrendreke naho mpanasa volafotsy Reke, vaho
handio reo anadahy i Levy.Handrendreke aze iareo manahake volamena naho volafotsy Reke, vaho hinday soro
ty fahamarena hoahy Yaveh iareo.[4]Vaho ty sorogny Joda naho Jerosalema le hankasitraha Yaveh, manahake ty
andro taloha. [5]Le hoavy raho hitsara anareo. Betebete Rahole hoavy hovavolombelo hanohetse reo mpisikily,
mpandranto, vavaolombelo tsy marene, vaho hanohetse ze mampijale ty mpiasane amy ty karamae, reo ze
mampijale ty somondrara, naho reo bode, hanohetse zay manda ambahiny, vaho hanohetse ze tsy magnomey
voninahitse Ahike,'' hoe Yaveh Tompo ty maro.[6]''Fa Zaho Yaveh n, le tsy miova; naho zay nareo, anadahy Jakoba
retoa, le tsy hotra ty farane. [7]Fananomboke tamy ty andro ty razagnareo le fananditse ty liliko nareo vaho tsy
niambegnizane. Mimpolia amiko, le himpoly aminareo Raho.'' hoe Yaveh Tompo ty maro. ''Nareo nanao tihoe:
'Amy ty foma manao akore ty himpolianay?'[8]Misy ndaty handrava an'Andragnahare vao? Nefa mandrava Ahy
nareo. Ianreo manao tihoe: tamy ty fomba manao akore ty handrobanay anao? Tamy amahafolom-panagna naho
reo soro. [9]Nareo le voaozo, satria nandrava Ahy nareo firenena iaby.[10]Aseseo ao amy ty rihako ao ty fahafolom-
panagne tsy misy tavela, mba hisy hane ty agnanjombako ao, vaho tsapao amy zane Raho,'' hoe ty Yaveh Tompo
ty maro, ''naho ty hamoha ty lalagny ty lagnitse aminareo Raho vaho magnily hasoava aminareo, amparake
tsihisia ty tragno hasiagnaze sasa. [11]Handrara mafe ze manimba ty volenareo Raho, mba tsy hanimba ireo ty
volenareo. Reo volenareo ambaibo agne le hotombo,'' hoe Yaveh Tompo ty maro. [12]''Ty tane iaby hikaike anareo
tihoe sambatse, lefa tane soa nareo,'' hoe Yaveh Tompo ty maro.[13]''Nimafe tamiko ty rehagnareo,'' hoe Yaveh.
''Nareo nanao tihoe: ''Ino ro rinehagnay hanohetse Anao?'' [14]Nareo nanao tihoe: 'Tsy mete ty manompo
an'Andragnahare. Ino ty zakasoa niazontika naho niambe reo fangatahanentika na nandeha tamim-pisaora teo
agnatreha i Yaveh Tompo ty maro? [15]Ka amizao tika mikaike firehareha hoe sambatse. Tsy hovagno avao mpanao
raty reo, famitspa an'Andragnahare vaho lomay vatagne.''[16]Bakeo le nirehake reo ze natahotse an'Yaveh.
Nifantoke soa ty Yaveh vaho nijano, vaho nisoratene tagnoloane eo ty boke fahatiarova momba reo ze natahotse
an'Yaveh naho nagnomey voninahitse ty Agnarane.[17]''Ho Ahike reo, hoe Yaveh Tompo ty maro, ''fanagnako
sarobily, amy ty andro ze hiasako. Hamela aiereo Raho, manahake ty ndaty raike mamela ty anagne lahy zay
manompo aze. [18]Le hampipitsike ty ndaty marene naho ty raty fagnahy draike nareo, amy reo ze manompo
an'Andragnahare naho ty tsy manompo Aze.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Te ingo, hoavy ty andro, mae manahake fata, lafa lasa hindy reo mpirehareha naho mpanao raty iaby. Hoavy ty
andro hahamae iareo, ''hoe ty Yaveh Tompo ty maro, ''hampipoke zane tsy hisy vahae naho torae zane. [2]Fa nareo
ze matahotse ty agnarako, ty masoandro ty fahamarina le hiposake miarake amy ty fahasitragna egne amy reo
elae. Hiboake nareo, hitrekatreka manahake tarabao bakao amy ty firohizane. [3] Amy ze andro zay le handialia ty
raty nareo, lefa holavenoke ambone ty tombognareo agne iareo amy ty andro iasako, hoe ty Yaveh Tompo ty
maro.[4]Tiarovo ty fagnara i Mosesy mpanompoko zay nomeiko aze tagne Horeba hoahy ty Israely iaby, reo lily
naho lalana. [5]Ingo, hagnirake Elia mpitoky Raho aloha ty hahavia aze andro befoloay naho mampitahotse Yaveh.
[6]Hampimpoly ty fo ty rae hoamy ty anagne Reke, vaho ty fo ty anagne hoamy ty babane, mba tsy hahaviako ka
hamonoako ty tane amy ty faharava vatagne.''

# Matthew

Chapter 1

[1]Ty boky ty raza ndre Jesosy Kristy ana ndre Davida ana ndre Abrahama. [2]Abrahama ro baba Isaka, vaho Isaka ro
baba ndre Jakoba, vaho Jakoba ro baba ndre Joda naho reo rahalahine. [3]Joda ro baba ndds Fareza naho Zara baka
tamy ty Tamara, Fareza to baba ndre Herzona, vaho Herzone ro baba ndre Rama.[4]Rama to baba ndre Aminadaba,
vaho Aminadaba to baba ndre Nasona, vaho Nasona ro baba ndre Salmona. Salmona ro baba ndre Boaza tamy ty
[5]Rahaba, Boaza ro baba ndre Obeda tamy ty Rota, Obeda ro baba ndre Jese. [6]Vaho Jese ro baba ndre Davida
mpanjaka, Davida to baba ndre Solomona tamy ty alala ty valy ty Oria.[7]Solomona ro baba ndre Rehoboama,
Rehoboama ro baba ndre Abia, vaho Abia ro baba ndre Asa. [8]Asa ro baba ndre Jaosafata, vaho Jaosafata ro baba
ndre Jorama, vaho Jorama ro raza ndre Ozia.[9]zia ro baba ndre Jotama, Jotama ro baba ndre Ahaza, Ahaza ro baba
ndre Hezekia. [10]Hezekia ro baba ndre Manase, Manase ro baba ndre Amona, vaho Amona ro baba Josia. [11]Josia ro
raza ndre Jekonia naho reo rahalahine tamy ty fotoa ty fandroaha ho agny Babylona.[12]Tafara ty fandroaha ho
agny Babylona, le Jekonia ro baba ndre Sealtiela, vaho Sealtiela ro raza ndre Zerobabela. [13]Zerobabela ro baba
ndre Abihoda, Abihoda ro baba ndre Eliakima, vaho Eliakima ro baba ndre Azora. [14]Azora ro baba Zadoka,
Zadoka ro baba ndre Akima,vaho Akima ro baba ndre Elihoda.[15]Elihoda ro baba dre Eliazara, Eliazara ro baba
ndre Matana, vaho Matana ro baba ndre Jakoba. [16]Jakoba baba ndre Josefa zay valy ndre Maria, iaze nisamake
ahy ndre Jesosy, le kinaiky tihoe Kristy. [17]Ty foko iaby manomboke amy ndre Abrahama le hatra agny amy ndre
Davida le taranake folo efats' amby, manomboke amy ndre Davida le zisike amy ty fandroaha ho agny Babylona
le taranake folo efats' amby, vaho manomboke amy ty fandroaha ho agny Babylona le zisike amy Kristy le
taranake folo efats'amby.[18]Nanahake zao ro nisehoa ty fahateraha ndre Jesosy Kristy. Ty renine, Maria, le fa
natoka hanambaly ahy ndre Josefa, neda taolo ty niteraha iareo, le hisaky te vesatsy re baka amy ty fagnahy
masy. [19]Josefa, valine, le lehilahy mahity, ro sade tsy te-hanalatse aze amaso ondaty. Le nanapa-kevitse reke ty
hamara arere ty fifanekegna tamine.[20]Vaho laha reke mboe nisafiry mikasiky reo raraha reo igny, le niseho
tamine tamy ty nofe ty anjely ty Tompo, ty tihoe: "Josefa, anadahy ndre Davida, Ko matahotse ty hangalake ahy
ndre Maria ho valinao, satria iaze raike zay nitorontoroa ao agnatene le ty Fagnahy Masy ro nampitoetse aze.
[21]Hiteraky ajaja lahy reke, vaho iriha hikaike ty agnarane tihoe Jesosy, te reke ro hamonje ty ndatine hiala amy ty
faharatia iareo."[22]Zaka iaby zay le niseho soa hahatanterake ze nambara ty Tompo tihoe: [23]"Ingo, ty zaza tsy
mahasake lahy hivesatse le hiterake ajajalahy, vaho iareo hikaike ty agnarane tihoe Imanoela"_ zay midika tihoe:
"Amintika Andriamanitra."[24]Nifoha tamy ty torimasone Josefa vaho nanao ze araky ty nandilia ty anjely ty Tompo
aze vaho nangalake aze ho valine. [25]Feie tsy nandry tamine reke zisiky niterahane ajajalahy. Vaho kinaikine tihoe
Jesosy ty agnarane.

Chapter 2

[1]Tafara ty nahateraha ndre Jesosy tao Betlehema ndre Jodia tamy ty andro ndre Heroda mpanjaka, le avy teo
Jerosalema reo lehilahy manam-pahaiza bak' agne atignana nitsara tihoe: [2]"Aia Reke zay teraky ho Mpanjaka ty
Jiosy? Nahisaky ty vasiane bak' egne atignana zahay vaho avy soa hankalaza aze." [3]Lafa naheno zane re Heroda
mpanjaka, le nihorohoro reke, naho re Jerosalema iaby niarake tamine.[4]Nandesy ndre Horada niarake ty loha ty
mpisoro iaby naho ty mpanoratsy lalàgna ty ndaty, vaho nagnontane aiereo reke tihoe: "Aia ro hahateraha ndre
Kristy?" [5]Nitsara tamine iareo tihoe: " Ao Betlehema ndre Jodia, te zao ro voasoratsy ty mpitoke tihoe: [6]"Te iriha,
Betlehema, agne amy ty tane ty Joda, le tsy kele loatse amy reo mpitondra ndre Joda, te bak' aminao ro hiavia ty
mpanapake zay hiamby ty ndatiko Israely."[7]Vaho nikaike arere reo lehilahy manam-pahaiza re Heroda soa
nagnontane aiereo mazava soa ty fotoa niboaha iaze vasia. [8]Nalefane tagne Betlehema iareo, manao tihoe: "
Mandehana vaho fotoro soa ty amy iaze ty ajaja. Lafa hisanareo reke, le ampitalilio raho, soa ahazahoako
mandeha agne avao kea le hankalaza aze."[9]Tafara ty nahareza iareo ty mpanjaka, le nandeha tamy ty lalane
iareo, vaho ty vasia ze hisa iareo tegne atignana ro nialoha aiereo mandra-pijanognane teo ambony ty toera nisy
iaze ajaja.[10]Lafa nahisake ty vasia iareo, le niravo tamy ty hafaleam-bey.[11]Nizilike tao amy iaze ajomba iareo vaho
nahisake ty ajaja niarake tamy ndre Maria Renene. Niankohoke naho nankalaza aze iareo. Nanokatse ty fitoeram-
panagnane iareo vaho nagnomey fagnomeza volamena, linten-kazo magnitse, vaho miora ho aze.[12]Nampitandre
aiereo tamy ty nofe Andragnahare soa tsy himpoly agne amy ndre Heroda, le lala hafa ro nandehana iareo
namonje ty tanane iaby.[13]Lafa lasa iareo, le nisy anjely ty Tompo niseho tamy ndre Josefa tamy ty alala ty nofy
vaho nitsara tihoe: "Miambina andeso ty ajaja naho ty renene, vaho milaisa agne Egypta. Mitoboha agne mandra-
pitaliliako aminao, te re Heroda le mipay iaze ajaja soa hamonoa aze." [14]Ty halik' igny Josefa le nifoha vaho
nanday ty ajaja naho ty renene le nandeha agne Egypta. Nitoboke tagne reke mandra-pahavilasy ndre Heroda.
[15]Zane le nagnatanterake ze nitalily ty tompo tamy ty alala ty mpitoky tihoe: "Nikinaiko hiala tagne Egypta ty
anako."[16]Bak' eo Heroda, lafa nahisake te voafitaky reo lehilahy manam-pahaiza, le nasiaky mafe. Nagnirake naho
nampamono ty ajajalahy iaby roe tao magnambane ze tao Betlehema naho tao amy igny faritse iaby igny reke,
arake ty fotoa ze nifotorane mazava tamy reo lehilahy manam-pahaiza.[17]Bak' eo le tanterake ty tsara ze nitalily
tamy ty alala ndre Jeremia mpitoky tihoe: [18]"Nisy feo heno tao Rama fitomania naho fisaognam-bey, mitomagny
noho ty amy ty anane Rahely, vaho tsy nagnina ty ho ampitsigne re, satria falasa iareo."[19]Lafa vilasy re Heroda,
ingo, nisy anjely ty Tompo niseho tamy ndre Josefa tagne Egypta tamy ty nofy vaho nitsara tihoe: [20]"Mifohaza
vaho andeso ty ajaja naho ty renine le mandehana agne amy ty tane ty Israely, te fa vilasy reo ze nisafiry ty fiay ty
ajaja." [21]Nifoha Josefa, nandesine ty ajaja naho ty renine, vaho nandeha tagne amy ty tane ty Israely.[22]Te lafa heno
te re Arkelaosy ro nanjaka tagne Jodia nisolo ahy ndre Heroda babane, le natahotse ty ho agne reke. Tafara ty
nampitandrema ty Andragnahare aze tamy ty nofy, le niala nandeha amy ty faritsy ndre Galilia reke [23]le nandeha
vaho nitoetse tao amy ty tanà kinaiky tihoe Nazareta. Zane le nahatanterake ze voatalily tamy ty alala reo
mpitoky tihoe: "Nazareta ro hikaiha aze."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Tamy zay andro zay le nandeha nitalily tagne agn'efitsy ndre Jodia re jaona mpanao Batisa manao tihoe: [2]"
Mibebaha, te fa marine ty fanjaka ty lagnitse." [3]Te reke ro iaze nitalily ndre Isaia mpitoky, manao tihoe: "Misy feo
raike mikaike mafe agne agn'efitse tihoe: 'Amboaro ty lala ty Tompo, ahitio ty lalane.'"[4]vaho jaona nisiky volon-
drameva naho nanao fehikibo holitse tamy ty valahane. Valala naho tantele remby ro nataone fihina. [5]vaho
Jerosalema, Jodia iaby, naho ty faritse iaby magnodide le vavarano ndre Jordana le namonje aze. [6]Nanoene batisa
tegne amy ty vavarano ndre Jordana iareo, lafa nagnina ty haratiane.[7]Te lafa nahisake reo Fariseo naho Sadiseo
lahialy namonje aze soa ho atao batisa re, le nanao tihoe re tamy iareo: "Ry foko menara feno poizy, ia ro
nampitao anareo hilay ty heloke zay ho avy? [8]Mamoaza voa mitove ty fibebahaa. [9]Vaho ka misafiry ty hitalily ty
hikilily agnarofo tihie: 'Mana ahy ndre Abrahama ho babanay zahay.' Te talilliko aminareo te Andragnahare le
mahavita mananga anake ho ahy ndre Abrahama na le bak' amy reto vato reto kea.[10]Vaho fa napoky eo am-
pototsy ty hetae ty famake. Le reo hetae iaby ze tsy mamoa voa soa le ho tapahy vaho atprake agne ampo ty afo.
[11]Manao batisa anareo amy ty rano hoamy ty fibebaha raho. Te mahere noho iraho reke ze avy afarako, vaho
iraho le tsy maeva na ty handay ty kapane kea. Hanao Batisa anareo amy ty fagnahy masy naho ty afo Reke. [12]Fa
egny an-tagnane ty fikororohane soa hagnadiova ty famotiane vaho hamory ty varine agne antanem-bare. te reke
le hagnoro reo lilam-bary amy ty ze tsy mete mate."[13]bak'eo Jesosy baka agne Galilia le avy teo amy ty vavarano
ndre Jordana soa ho atao ndre Jaona batisa. [14]Feie re Jaona le niezake nanaka aze, manao tihoe: "Raho ro mipay
ataonao batisa, nefa riha koa va ro mamonje ahike?" [15]Jesosy namaly vaho nitsara tamine tihoe: "Inao avao amy
henanizao, te zao ro mete amintika hahatanterake ty fahamarigna iaby. Bak'eo Jaona nagnina aze.[16]Lafa vita
batisa Reke, le nipoake ty rano Jesosy, vaho ingo, nisokatse tamine ty lagnitse. Hisane ty Fagnahy ty
Andragnahare nizotso manahake ty voromahilala vaho nandeha eo ambonine. [17]Vaho ingo, nisy bak'agne an-
dagnitse nanao tihoe: "Toy ro anako malalako. Zay teko loatse."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Bak' eo Jesosy nitarihy ty fagnahy ho agne amy ty tsy mmisy raraha soa hala ty devoly fagnahy. [2]Lafa baka nifaly
hany efapolo andro naho efapolo halike reke, le kere. [3]Namonjy ty mpangala fagnahy le nirehaky tamy tihoe:
"Laha Anak'Andragnahare Iriha, le rehafo ho lasqa mofo reto vato reto." [4]Te Jesosy namaly le nanao tamine tihoe:
" Voasoratsy tihoe: 'Tsy ty mofo avao ro hiveloma ty ndaty te ze tsara amboaky ty saotsy ty
Andragnahare.'"[5]Bak'eo ty devoly nanday aze tagne amy ty tanà masy le napitoboky aze teo amy ty farany
ambony ty tempoly, [6]vaho nirehaky tamine tihoe: "Laha anak'Andragnahare iriha, le miatonta agne ambany agne,
te voasoratse tihoe: 'Reke handily reo anjely hiaro anao' naho ' hanondrotse Anao eo amy ty tagna iareo, le tsy ho
tototahatse amy ty vato ty tombonao.'"[7]jesosy nitsara tamine tihoe: "Le mboe voasoratsy ndraiky tihoe: 'Tsy
tokone hitsapa ty Tompo ty Andragnaharenai Riha.'" [8]Nandesy ty devoly handeha agne amy ty toera ambo
ndraike Re vaho nampiseho aze ty fanjaka iaby amy zao tontolo zao naho ty hasoa reo. [9]Nanao tihoe reke tamine:
"Reo iaby reo le homeiko anao, laha ohatsy miankohoke eto agnatrehako naho midera ahike riha."[10]Bak'eo Jesosy
nitsara tamine tihoe: "Mindrisoa eto riha, ry satana! Te fa voasoratsy tihoe: 'Riha le hibeko ty Tompo
Andragnaharenao, vaho reke arere avao ro ho tompoenao.'" [11]bak'eo nangnega Aze ty devoly, vaho inddregny,
nisy anjely avy le nanompo Aze.[12]Vaho lafa heno Jesosy te voasambotsy Jaona, le nimpoly nandeha agne Galilia
reke. [13]Nagnenga ahy ndre Nazareta reke le nandeha vaho nitoboke tao kapernaomy, zay eo sisindranomy ty
Galilia, ao amy ty zara-tane ndre Zebolona naho Naftaly.[14]Zany ro niseho soa hahatanterake zay nambara ndre
Isaia mpitoky tihoe: [15]"Ty tane ndre Zebolona naho ty tane ndre Naftaly, mandeha agne amy ty ranomasy agne
am-pita ndre Jordana, Galilia ahaya reo Jentilisa! [16]Reo ndaty nitoboke tamy ty maike le nahisake fahazava
befoloay, vaho reo ze nitoboke tamy ty faritse naho ty aloky ty fahatesa, le teo amy iareo ro niboha ty
fahazava."[17]Vaho tamy zay foto zay Jesosy le nanomboke nitory naho nitalily tihoe: "Mibebaha, te fa marine ty
fanjaka ty lagnitse."[18]Laha nadeha tegne amy sisy ty Ranomasy ndre Galilia Reke, nahisake mpiralahy roe, Simona
zay nikinaike tihoe Petera, vaho Andrea rahalahine, nanorake ty haratone tegne amy ty ranomsy, te mpanarato
iareo. [19]Andao, hagnarake Ahike, te hataoko mpanarato ndaty nareo." [20]Teo no eo avao le nagnenga reo harato
iareo le nagnorike Aze.[21]Vaho laha mboe nandroso Jesosy nahisake mpirahalahy roe hafa, Jakoba ana ndre
Zebedio, vaho Jaona rahalahine. nagnamboatse ty haratone tao an-tsambo iareo niarake tamy ndre Zebedio baba
iareo. Nikaike aiereo Reke, [22]Le teo no eo avao le nagnenga ty sambokeline naho ty babane iareo le nagnarake
Aze.[23]Nandeha feno ahy ndre Galilia Jesosy nampianatse tao amy ty Synagoga iareo nitory ty filazantsara ty
fanjaka, vaho nagnafake reo karaza ty arety iaby miarak'amy ty jale iaby teo amy ty ndaty. [24]Niele feno ahy ndre
Syria ty vaovao mikasike Aze, le nandesy ty ndaty teo Amine reo ze marary iaby, marary ty karaza tyy arety naho
fangirifiria, reo demonia, naho ze marary ty androbey naho marary ty paralysisa. nisatragny Jesosy iaby.
[25]Vahoake maro bak'agne Galilia, Dekapolisy, Jerosalema, Jodia vaho ty bak'agne am-pita ndre Jordana ro
nagnarake aze.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Lafa nahisake reo vahoake Jesosy, le niankatse teo ambone vohitse. lafa tafatoboke Reke, le namonje Aze reo
mpianane. [2]nanokatse ty vavane Reke vaho nampianatse aiereo, manao tihoe: [3]Votontse ty mahantra am-
pagnahy, te aiareo ty fanjka ty lagnitse. [4]Votontse reo misao, te hampionone iareo.[5]Votontsy reo malemy fagnahy,
te iareo ro handova ty tane. [6]Votontsy reo zay kere naho mangetaheta ty fahamarigna, te ho vokisa iareo.
[7]Votontsy reo mpamindra arofo, te hahazo famindragn'arofo iareo. [8]Votontsyreo malio agn'arofo, te hahisake ahy
ty Andragnahare iareo.[9]Votontsy reo mpampilongo, te iareo ro kinaiky tihoe anak'Andragnahare. [10]Votontsereo ze
enjehy noho ty fahamarigna, te aiereo ty fanjaka ny lagnitse.[11]Votontse nareo laha manevateva anareo naho
magnejike anareo ty ndaty, vaho mirehake ty karaza vande rate iaby hanohitse anareo noho ty amiko. [12]Mifalia
naho miravoravoa, te foloay ty valesoanare agne an-dagnitse. Te manahake zay ty fomba nagnenjeha ty ndaty reo
mpitoky ze nivelo talohanareo.[13]Nareo ro sira ty tane. Te laha ty sira ro tonga matsatso, amy ty fomba manao
akory ro ampasira zan ndraiky? Tsy ho soa na amy ty ino na amy ty ino sasy zane te haria naho ho lia ty tmbo ty
ndaty sisa. [14]Nareo ro fahazava zao tontolo zao. Ty tagna miory eo amy ty kaboa le tsy azo havony sase.[15]Tsy misy
ndaty mandrehitsy jiro mametraky zay agne ambe haro, te eo amy ty fitobohan-jiro, le magnazava ty iaby ao an-
tragno zane. [16]Lonike hazava eo agnoloa ty ndaty manahake zane fomba zane ty fahazavanareo soa ahisaha iareo
ty asa soa ataonareo vaho ankalazane ty Babanareo zay agne an-dagnitse.[17]Ko mifasiry tihoe avy handrava ty
lalàgna na reo mpitoky Raho. Tsy avy hamotike reo Raho, te hagnatanterake aiereo. [18]Te talilieko marine aminarei
te mandra-paharava ty lagnitse nho ty tane, le tsy ho rava amy ty lalàgna na ty litera raiky naho tendron-tsoratse
raike kea, mandra-pahatanterake ty raraha iaby.[19]Noho zay na ia na ia mandika na ty kele loatse amy reo lily reo
naho mampianatse ty hafa anao manahake zane ho kaihe tihoe kele loatse ao amy ty fanjaka ty lagnitse. Te na ia
na ia magnina naho mampianatse reo le kaihy tihoe bey ao amy ty fanjaka ty lagnitse. [20]Te talilieko aminareo te
laha tsy mihoatse noho ty ahy ty mpanora-dalàgna naho ty fariseo ty fahamarignanareo, le tsy hizilike ao amy ty
fanjaka ty lagnitse zao nareo.[21]Fa henonareo te voatalily tamy iareo ntaolo tihoe: 'Ko mamono ndaty,' vaho 'Na ia
na ia mamono ndaty le helofa agne amy ty fitsara.' [22]Te talilieko aminareo te zay iaby meloky amy ty rahalahine le
maeva ty ho hasia agne amy ty fitsara; vaho na ia na ia mirehaky ty rahalahine tihoe: 'Riha le ndaty tsy misy
dikane!' le ho helofa agne amy ty filan-kevitse; vaho na ia na ia mitalily tihoe: 'Adala riha!' le maeva ty ho agne
amy ty lavake mirehitsy afo.[23]Noho zay laha magnomey ty fagnatitsao eo amy ty alitara iriha le tiaronao teo te
manana alahelo aminao ty rahalahinao, [24]le apoho eo agnoloa ty alitara ty fagnatitsao, le mandehana ndehana
amy ty lalanao. Milongoa aloha amy ty rahalahinao, vaho bak'eo mimpolia le omeo ty fagnatitsao[25]Milongoa
malaky amy ty mpitanjake anao laha mboe miara-dia amine agne amy ty fitsara riha, sao ty mpitanjake anao
hagnomey anao amy ty mpitsara, vaho ty mpitsara mety hagnomey anao amy ty manan-kasy, le hatao ao an-
tragno maiky riha. [26]Talilieko mariny aminareo, te tsy ho afake miboake ao sase riha mandra-pandoavanao ty
vola farany ty kele loatse amy ty trosanao.[27]Fa henonareo te voatalily tihoe: Ko mandrato.' [28]Te lazaiko aminareo
te ze iaby magnety ampela le magniry aze le fa mandrato tao agn'arofone avao.[29]Laha mandavo anao ty masonao
ankavana, le afaho zane vaho atoraho lavitsy anao. Te soa vatane ho anao laha ilany raike amy ty vatanao ro
tokone simbay te tsy ty vatanao iaby ro atorake agne amy ty helo. [30]Laha mandavo anao ty tagnanao ankavana, le
tapaho vaho atoraho lavitse hiala aminao. Te soa vatane ho anao laha ty ilane raike amy ty vatanao ro tokone ho
very te tsy ty vatanao iaby ro atorake agne amy ty helo.[31]Vaho fa voatalily avao kea tihoe: ' Na ia na ia misaraky
amy ty valine, le lonike re hagnome aze ty taratsy fisaraham-panambalia.' [32]Te Raho kea mitalily aminarei te ze
iaby misarake amy ty valine, ankoatsy noho ty fandratova, le mampijangajanga aze. Na ia na ia manambaly aze
afara ty fisarahane le mijangajanga.[33]Vaho kea, henonareo te voatalily tamy ty ntaolo tihoe: 'Ko mifanta fifanta
diso, te andeso agnatreha ty Tompo ty fantanao.' [34]Te Raho kea mitalily aminareo, ko mifanta amy ty raraha iaby,
na amy ty lagnitsy kea, te seza fitoboha ty Andragnahare zay; [35]na amy ty tane, te fitoboha ty tombone zane; na
kea amy ty Jerosalema, te tanà ty mpanjaka bey zane.[36]Ko mifanta amy ty agnambonao, te tsy afaky magnafoty na
magnamaity ty singam-bolo raike riha. [37]Te lonike ty tsaranao ho, 'Eka, eka,' na Aha, aha.' ze mihoatsy zay le
bak'amy ty iaze raty.[38]Henonareo te voatalily tihoe: ' Maso solo ty maso, vaho nify solo ty nify.' [39]Te Raho kea
mitalily aminareo tihoe, ko manohitse ze raty. Te kea, na ia na ia mamofoke ty fifinao ankavana omeo aze kea ty
ilane.[40]vaho laha misy ndaty magniry ty hiarake aminao ho agny amy ty fitsara le magnafaky ty akanjonao, le
ampoho ho aze avao kea ty lamabanao. [41]Na ia na ia maery anao andeha kilometatsy raike, mandeha miarake
amine amy ty kilometatse roe. [42]Omeo ze mangatake aminao, vaho ko mandietse na ia na ia magniry ty hindra
aminao.[43]Fa henonareo te voatalily tihoe: 'Tsy maintse mitea ty mpiara-belo aminao riha vaho malaigna ty
fahavalonao.' [44]Te talilieko aminareoi, tiavo ty fahavalonareo vaho miavavaha ho ahy zay magnenjiky anareo,
[fagnamariha: Ty dikan-tsara ntaolo soa loatse le mangalaky tihoe: ""Misaora reo mgnozo anareo, manaova ty soa


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

amy reo ze malay anareo.""] [45]soa ho avy anaky ty Babanareo ze agne an-dagnitse nareo. Te Reke le mampiposake ty masoandrone amy ty raty fagnahy naho ty soa vaho mampilatsake ty ora amy ty mary naho ty tsy mary.[46]Te laha reo ze tea anareo ro tiavinareo, ino ro valesoa azonareo? Nao na le ty mpitaky haba aza tsy mba manao manahaky zay kea? [47]Laha ty rahalahinareo arere avao ro salamainareo, ino ro mba ataonareo mihoatse ty hafa? Nao na ty Jentilisa kea tsy mba manao manahake zay kea? [48]Noho zane le tsy maintse tanterake nareo, manahake ty fahatanteraha ty Babanreo zay agny an-dagnitsy

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

[1]Miambena soa tsy hanao ty asa ty fahamarignanareo eo agnatreha ty ndaty nareo soa ho hisa iareo, te laha tsy
zay le tsy hahazo ty valesoa bak'amy ty Babanareo ze agny an-dagnitse. [2]Noho zay lafa maneho fihantra nareo, le
ko mitioke trompetra misariky ty hafa manahaky ty atao ty mpitsara velatsy agny amy ty synagoga naho egny
amy ty lala, le soa mete hahazo ty tsiriry ty ndaty iareo. Talilieko aminareo, te iareo le fa nahazo ty valesoane.[3]Te
lafa maneho ty fiatra nareo ko atao hay ty tagnanareo havia ze atao ty tagnanareo havana, [4]le soa homea arere ty
fagnomezanareo. Bak'eo ty Babanareo zay mahisake amy ty mangiky ro hamale soa anareo.[5]Lafa mivavaky
nareo, ko manao manahaky ty mpihatsaravelatsihy, te iareo tea mitsanga naho mivavake eo amy ty synagoga
naho eo sisin-dala, le soa mety ho hisa ty ndaty. Talilieko marine aminareo, te iareo le fanandraby ty valesoane.
[6]Te nareo, lafa moivavake, miziliha ao amy ty efi-tragnonareo. Hilio ty varavara, le mivavaha amy ty Babanareo
zay ao amy ty mangiky. Bak'eo ty Babanareo zay mahisaky ao amy ty mangingiky ro hamale soa anareo. [7]Lafa
mivavaky nareo, ko manao tsara maro tsy misy impaiva aze manahake ty atao ty Jentilisa, ty amy ty safirine te ho
heno iareo noho ty tsara maro zay ataone.[8]Noho zay, Ko manao manahake aiereo, te ty Babanareo le fa mahay
reo raraha ze mpaiavinareo miaolo ty angatahanareo Amine. [9]Noho zay mivavaha manahaky zao tihoe: 'Raenay
ze agny an-dagnitsy, ho hamasigny vatany ty agnaranao. [10]Ho avy vatane ty fanjakanao. Hatao vatany ty sitra ty
arofonao etoy an-tane manahaky ty agny an-dagnitsy.[11]Omeo anay amizao ty mahatanjaky sahaza ho anay.
[12]Mamelà ty helokay, ,manahaky ty hamelanay ze meloky taminay. [13]Vaho ka manday anay amy ty fangalam-
pagahy, te magnafaha anay amy ty raty.'" [Fanamarihana: Ny dika teny taloha tsara indrindra dia manala ny hoe"
"Fa Anao ny fanjakana naho ty hery vaho ty voninahitsy mandrakizay. Amen."][14]Te laha mamela ty handisoa ty
ndaty nareo, le hamela anareo avao kea ty Raenareo zay agny an-dagnitsy. [15]Te laha tsy mamela ty hadisoa iareo
nareo le tsy hamela ty handisoanareo zao ty Raenareo.[16]Ankoatsy zay, lafa mifaly hany nareo, ko mampimboake
tarehe mampalahelo manahaky ty atao ty mpiatsaravelatsihy, te manaraty tarehe iareo le soa mety ho hisa ty
ndaty te vatane mifaly hane. Talilieko marine aminareo, te fa nandrambe ty valesoane iareo. [17]Te iriha, lafa
mifaly hane, osoro menaky ty agnambonao vaho sasao ty tarehenao, [18]le soa tsy ho hisa ty hafa tihoe mifaly hane,
te amy ty Raenao zay ao amy ty mangingiky avao; vaho ty Raenao zay mahisaky ao amy ty mangingiky, ro hamale
soa anao.[19]Ko mamory ty fanaganareo etoy an-tane, zay simbay ty kandradraky naho heriky vaho hizilihny reo
mpangalatse an-kerene le hangalatse. [20]Te kea, avorio ty fanagnanareo agne an-dagnitsy, zay tsy simba ty
kandradraky naho hoheriky, vaho tsy hizilihany reo mpangalatse. [21]Te ze misy ty fanaganao, ro itoboha ty
arofonao avao kea[22]Ty maso ro jiro ty vata. Noho zay, laha soa ty masonao, le ho feno fahazava ty vata iaby, [23]Te
laha raty ty masonao, le ho feno iike ty vatanao iaby. Noho zane, laha maiky ty fahazava zay ao amponao amy
zao, manao akory ty hafoloay zay iiky zay! [24]Tsy misy afake hanompo tompo roe, te hankahala ty raeke re vaho
hitea ty raeke, laha tsy zay hanolo-tegna ho ahy ty raeke le halay ty raiky hafa. Iriha le tsy afake hanompo ahy ty
Andragnahare naho ty fanagna.[25]Noho zay talilieko aminareo, ko misalasala mikasiky ty fiainareo, ze
hotavainareo na ze hinominareo - na mikasiky ty vatanareo, ze hisikinareo. Te tsy bey noho ty mahatanjaky va ty
fiay, vaho ty vata bey noho ty fisikina? [26]Jereo reo voro egny amy ty lagnitse. Iareo regny le tsy mitongy na
mamokatsy na mamory ao an-trano fisia vokatsy te ty Raenareo zay agne an-dagnitsy ro mamaha azy regny. Tsy
sarobidy mihoatsy regny vao nareo?[27]Ia aminareo ro afake magnampy kilometasy raiky amy ty andro hiaignany
amy ty fisalasala?[28] Nanao akory nareo ro misalasala mikasiky ty fisikinareo? Safirio ty mikasiky ty ankata egny
amy ty baibo, nanao akory ty fitiria iareo regny. Tsy mba miasa iareo regny, vaho tsy mamoly fisikina. [29]Taliliko
aminareo, te na re Solomona kea amy ty hasiny iaby le tsy nisiky manahaky ty raiky amy regny.[30]Laha ampikiny
ty Andragnahare manahaky zay ty akata agny am-baibo, ze iaby misy henanizao naho hamaray le hatorake ao
am-pata, manahaky ty manao akory ro ampisikinane anareo bey bey, nareo ry kele finoa? [31]Noho zay ko
misalasala le mitalily tihoe: 'Ino ro hohaninay?' na tihoe" 'Ino ro hinominay?' na tihoe: 'Ino ty fisikina ho
anaovanay?'[32]Te reo Jentilisa mipay reo raraha reo, vaho ty Raenareo ze agne an-dagnitsy le mahay te mipay reo
nareo. [33]Te paiavo tse ty fanjaka naho ty fahamarignany le homea anareo reo raraha reo. [34]Noho zay, ko
misalasala ty hamaray, te ty hamaray hanahy ty aze. Ampe ho any ty andro tsikiraikiraky ty raty ao amine.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 7

[1]Ko mitsara, le tsy hotsaray nareo. [2]Te amy ty fitsara nataonareo, ro hitsara anareo, vaho amy ty fandrefesa
andrefesenareo, ro handrefesa anareo.[3]Nanao aakory riha ro magnete ty vaky ty ravin-ketae kele ze aoa ampo ty
maso ty rahalahinao, feie tsy tiaronao ty fiankina ao ampo masonao? [4]Nanao akory ro hirehafanao ty
rahalahinao tihoe: 'Ampoho raho hangalake ty vaky ravy ketae ao ampo ty masonao,' laha mbo ao ampo ty
masonao iaze andry? [5]Ry mpihatsaravelatsihy! Afaho aloha ty andry zay ao ampo ty masonao, vaho bak'eo
hahisaky soa lafa mangalaky ty vaky ty ravy ketae zay eo amy ty maso ty rahalahinao[6]Ko omea ty alika zay masy,
vaho ko hatoraky eo agnoloa ty koso ty vatosoanareo. Laha tsy zane le mete ho voaliane ty tombo iareo, vaho
bak'eo himpoly hamotipotike anareo amy ty fahapoteha.[7]Mangataha, le omea nareo zay. Mipaiava, le hahisaky
nareo. Pepeho te hivoha ho anareo zane. [8]Te ze iaby mangatak, le mahazo; reo iaby zer mipay, le mahisake; vaho
ho ahy ty ndaty mamepeke, le ho voha. [9]Sa ia aminareo., laha anagataha ty anane mofo, ro hagnomey vato ho
aze? [10]Na kea laha nangatahany fia, le hagnomea bibilava aze?[11]Noho zay, laha nareo ze raty kea mahay magnome
reo fagnomeza ze soa ho ahy ty anakareo, moa tsy bey mihoatsy vao ty raraha soa omea ty Raenareo ze agne an-
dagnitse ho ahy reo ze mangatake amine? [12]Noho zay na ino na ino raraha teanareo ho atao ty ndaty amy ty
vatanareo, le tokone hanao manahake zay amy iareo avao kea nareo, te zay ro lalàgna naho reo
mpitoky[13]Miziliha amy ty vavahade ifitsy. Te bey ty vavahady vaho malalaky ty lala manday agny amy ty
fahavereza, vaho lahialy reo ndaty ze mandeha amy zay. [14]Te tery ty vavahady vaho sarotsy ty lala ze mitarike
mandeha agne amy ty fiaigna, vaho kele reo ze mahasike zay.[15]MItao amy reo mpitoky sandoke, ze mamonjy
anareo amy ty fisikin'aondry nefa amboaly vatane mpitondriky. [16]Amy ty alala ty voane ro hahaizanareo aiereo.
Mangalake voalloboke egne amy ty fatiky vao ty ndaty, na kea aviavy egne amy songosongo? [17]Mitovy amy zay, ty
hetae soa iaby lr mamokatse voa soa, te ty hetae raty lemamokatse voa raty.[18]Ty hetae soa le tsy afake ty
hamokatse voa raty, na kea ty hetae raty le tsy afake mamokatse voa soa. [19]Ty hetae iaby ze tsy mamokatse voa
soa le tapahy vaho atorake agne ampo ty afo. [20]bLe noho zay, ho hainareo iareo amy ty alala ty voane.[21]Tsy reo
iaby ze mirehaky amiko tihoe: 'Tompo, Tompo,' le hizilike ty fanjak ty lagnitse, te reo ze manao ty sitra ty arofo ty
Raeko ze agney an-dagnitsy avao. [22]Lahialy reo ndaty hitsara amiko amy zay andro zay tihoe: ' Tompo, Tompo, Tsy
fa nitoky tamy ty tahinanao vao zahay, tsy fa nandroaky reo demonia tamy ty tahinanao, vaho nanao reo asa bey
tamy tahinanao? [23]Bak'eo Raho hagnambara amy iareo ampahibemaso tihoe: 'Tsy nahay anareo Raho! Mindrisoa
lavitsy Ahiky, ty mpanao raty!'[24]Noho zay , reo iaby ze mahaheno ty tsarako vaho magnina zay le hanahake ty
ndaty hendre ze nagnory ty tragnone egne ambony vatombey. [25]Niavy ty ora, avy ty safon-drano, vaho nitioky
namofoke iaze tragno ty tioky, te tsy nilavo zay, satria nahory teo ambony vatombey.[26]Te ty iaby ze mahaheno reo
tsarako le tsy magnina aze regny le manahaky ty ndaty biloka ze magnory ty tragnone egne ambony fasiky.
[27]Niavy ty ora, avy ty safo-drano, nitioky naho namofoky iaze tragno ty tioky, le nilavo zay, vaho feno ty
faharavany."[28]Vaho lafa baka nagnambara reo tsara reo Jesosy, very tamy ty fampianarany reo vahoake, [29]satria
nampianatsy aiereo manahaky ty ndaty ze mana hasy Reke, Te tsy manahaky reo manoratsy lalàgna iareo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 8

1Lafa nizotso bak'egny am-bohitsy Jesosy, le vahoake lahialy bro nagnarake Aze. 2Ingo, nisy angamay raiky
namonjy Aze vaho nifaly teo agnoloane nanao tihoe: " Tompo, laha teanao, le afake maganalio ahiky Iriha."
3namelatsy ty tagnany Jesosy vaho nitsapa aze, nanao tihoe: "Teako. Mahaliova." Teo no ho eo le nalio tamy ty
hangamaine reke.4Nanao tihoe Jesosy tamine: "Lonike soa tsy hitalily na ino na ino na amy ia na ia riha. Mandena
amy ty lalanao, Le ampoaho amy ty mpisoro ty vatanao vaho omeo iaze fagnatitse ze nadilia ndre Mosesy, soa ho
fitsangana vavolombelo amy iareo."5v Lafa niziliky tao Kapernaomy Jesosy, Le namonje Aze ty kapitene raiky
vaho nagnontane Aze, 6nanao tihoe: "Tompo, mamndry ao an-trgno ty mpanompoko te malemy vaho ao agnaty
fanaintaigne mafe." 7Nanao tihoe Jesosy tamine: "Ho avy Raho vaho hagnafake aze."8Namly iaze kapiteny vaho
nanao tihoe: "Tompo, tsy maeva raho ty tokone hizilihanao ao ambane tafon-tragnoko, tsarao avao ty tsara le ho
afake ty mpiasako. 9Te raho avao kea le lehilahy ze natoboke ao ambany ty fahefa, vaho mana miaramila ze
faheziko rako. Mirehaky amy ty raiky raho tihoe: 'Mandena', le mandeha re, vaho amy ty hafa raiky tihoe: 'Avia,'
le mamonjy reke, vaho ammy ty mpiasako tihoe: "Amboaro zao,' le amboarine zay." 10Lafa heno ndre Jesosy zay, le
vere Reke vaho nitsara tamy reo ze nagnaraky Aze tihoe: " Taliliko marine aminareo, te tsy mboe nahisake ndaty
nanam-pinoa manahake zane Raho teto Israely.11Taliliko aminareo, te maro ty bak'agny atignana naho bak'agne
andrefa ro ho avy, vaho iareo le hitoboke eo an-databatse miarake amy ndre Abrahama, Isaka vaho Jakoba, agny
amy ty fanjaka ty lagnitse. 12Te reo anaky ty fanjaka le hatorake agne ambaliky ty iike lavitsy agne ze hisy ty
fitomagnia naho fararia-nify." 13Nanao tihoe Jesosy tamy iaze kapitemny: "Mandena! Arake ty ninoanao, le loniki
zay ho atao ho anao." Vaho le afake tamy zay lera zay vatane iaze mpiasa.14Lafa nizilike tao an-tragnoi ndre
Petera Jesosy, le nahisake ty rafozany Petera ampela nandre nanrary ty tazo Reke. 15Nirinamby ndre Jesosy ty
tagnane, vaho niala tamine ty tazo. Le nitsanga re vaho nanomboke nandroso mahatanjake Aze.16Lafa avy ty
hariva, le lahialy reo nirohiza ty demony nandesy ty ndaty teo amy ndre Jesosy. Nandroake reo fagnahy tamy ty
tsara Reke vaho nagnafake reo iaby ze nanry. 17Manahaky zane ro nahatanterake ze nambara tamy ndre Isaia
mpitoky, nanao tihoe: "Reke vatane nangalake ty fahararriantika naho nanday reo arentetika."18Vaho lafa hisa
ndre Jesosy reo vahoake nagnodidy Azy, le nagnomey toromarike soa hiala ho egny ampita ty ranomasy Galilia
Reke. 19Bak'eo ty mpanoratsy lalàgna raiky namonjy Aze vaho nanao tihoe: "Ry mpampianatse, hagnaraky Anao
raho na ia na ia andehananao." 20Nanao tihoe Jesosy tamine: " Ty amboaly manan-davake, vaho reo voro ty
lagnitse mana tragno, te ty Anak'Ondaty tsy mana na aia na aia ampandrea ty ambonine."21Raike hafa tamy reo
mpianatsy nitsara tamine tihoe: "Tompo, ampoho raho aloha andeha vaho handevy ty raeko." 22Te nanao tihoe
Jesosy tamine: magnaraha Ahike, vaho ampoho ty nate andevy ty mate ao amiane arere."23Lafa nizilike tao amy
ty sambokele raiky Jesosy, nagnarake Aze tao ampo io reo mpianane. 24Ingo, nisy tafio ty tioke bey niseho teo amy
ranomsy, le feno ty onja ty sambo. Te azon-tory Jesosy. 25Nandeha Amine reo mpianatsy vaho namoha Aze, nanao
tihoe: "lombaho tika, Tompo; ho maty tika!"26Nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Nanao akory nareo ro matahotsy, ry
kele finoagny?" Le nitsanga Re bak'eo vaho nitsara ty tioke naho ty ranomasy. le nisy finjanogna bey bak'eo. 27Very
reo lehilahy vaho nirehaky tihoe: " Te karaza lehilahy ino toy, te na ty tioky naho ty ranomasy kea magneky
Aze?"28Lafa avy tegny ampita naho teo amy ty tanà ty Gadarenesa Jesosy le nisy lihilahy roe ze nirohiza ty
demonia nifanonjeky Tamine. Iareo le niboake bak'agny amy reo valavato vaho vatane nahere zaka, noho zay le
tsy nisy mpandeha afake nandalo zay lala zay. 29Ingo, nikoaiky mafy iareo vaho nanao tihoe: " MOa mpiino akory
zahay naho Riha, ry Anak'Andragnahare? Avy eto vao Riha hampitahotsy anay miaolo ty fotoa voatendry?"30Vaho
nisy kosoa lahialy nitava teo, tsy lavitse aiereo. 31Mbo nangataky ahy ndre Jesosy avao reo demonia vaho nanao
tihoe: "Laha mandroaky anay riha, le alefaso ao ampo reo koso reo zahay." 32Nanao tihoe Jesosy tamy iareo:
"Mandena!" Li niboaky reo demony le nandeha ao amy reo koso; vaho ingo reo koso iaby nilia nizotso ty vohitsy
nandeha agny an-dranomasy vaho maty teo ampo rano iareo.33Reo ze nikolokolo reo koso le nilailay vaho nadeha
agny an-tanà iareo vaho nitalily ty raraha iaby, vaho losotsy ze niseho tamy reo lehilahy ze nirohiza reo demony.
34Ingo, niboaky reo tao an-tanà iaby soa hihao amy ndre Jesosy. Lafa hisa iareo Reke, le nagataky Azy soa hiala ty
faritany iareo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 9

[1]Niziliky tao an-tsambokele Jesosy, niampita, vaho avy tao amy ty tanàne. [2]Ingo, nisy lehilahy marary ty paralysisa
nandre teo am-pandrea nandesy iareo teo Amine. Lafa nahisaky ty finoa iareo, le nanao tihoe Jesosy tamy iaze
lehilahy marary ty paralisisa: "Anake, lonike riha hifale. Fa voavela ty helognao[3]Ingo, ty ilane tamy reo
mpanoratsy lalàgna nanao tihoe tagna'arofone tao: " Mirehaky raty io lehilahy io." [4]Hay ndre Jesosy ty safiry iareo
vaho nitsara tihoe: "Nanao akory nareo ro misafiry raty ao agn'arofonareo? [5]Te ia ro moramora ty mirehaky aze
tihoe: 'Voavela ty helognao,' sa ty mirehaky tihoe: 'mitsangana le mandena?' [6]Te soa ho hainareo te ty anak'ondaty
le mana fahefa hamela heloke etoy ambony ty tane,..." nanao tihoe Reke tamy iaze marary ty paralisisa:
"Mitsangàna, taranjo ty fandreanao vaho mandena agne an-tragnonao."[7]Bak'eo nitsanga iaze lehilahy vaho
nandeha agne an-tragnone,. [8]Lafa nahisaky zay ty vaohake, le vere iareop vaho niboke ahy ty Andragnahare, ze
nagnome fahefa manahaky zay ho ahy ty ndaty. [9]Vaho laha niala bak'eo Jesosy, le nahisaky lahilahy nikikaiky
tihoe Matio Re, ze nitoboky teo amy ty aloke famoria haba. Nanao tihoe Reke tamine: "Magnaraha Ahike."
Nitsanga re vaho nagnarake Aze.[10]Vaho laha nitoboky hitava tao an-jomba Jesosy, ingo, mpamory hamba naho
ndaty mpanao raty lahialy avy niara-nitava tamy ndre Jesosy naho reo mpianane. [11]Lafa nahisaky zay reo fariseo,
le nirehaky tamy reo mpianany iareo tihoe: 'Nanao akory ty mpampianatsinareo ro miara-mitava amy ty
mapamory haba naho ty ndaty mpanao raty?"[12]Lafa nahaheno zane Jesosy, le nanao tihoe Reke: "Ty ndaty
matanjaky ara-bata le tsy mila mpitsabo, te reo ze marary avao. [13]Tokone mandeha mianatsy nareo ty dika ty
tihoe: 'Famindragn'arofo ro iriko te tsy soro.' Te avy Raho, tsy hikaiky reo marine hibebaky, te reo mpanao
raty."[14]Bak'eo namonjy aiereo mpianatsy ndre Jaona le nirehaky tihoe: "Nanao akory zahay naho reo fariseo ro
mifaly hany matetiky, te reo mpianatsinao kea tsy mifaly?" [15]Nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Mety alahelo vao reo
longo ty mpampakatsy, laha mbo miaraky eo amy iareo ty mpampakatsy? Te ho avy ty andro hangala ty
mpampakatsy eo amy iareo, le amy zay iareo vao hifaly hany.[16]Tsy misy ndaty manampy akanjo ronta amy ty
tapa-damba vaovao, te ty tampina hanataky ty lamba, vaho hisy tataky raty lavitsy.[17]Tsy misy ndaty manisy divay
vaovao ao ampo siny holitsy raty. Laha manao zay iareo, Le ho tataky ty siny holitsy, hetete ty divsy vsho ho
potiky ty siny holitsy. Te kea, manisy divay vaovao ao ampo siny holitsy vaovao iareo, vaho voahaja iareo."[18]Laha
mboe nitsara reo raraha reo tamy iareo Jesosy, le ingo, nisy mana-pahefa raiky avy le nihohoke teo ammine.
Nirehaky reke tihoe: "Maty zao henanizao ty anak'ampelako, te miavia vaho apoho eo amine ty tagnanao, le ho
velo re." [19]Bak'eo nitsanga Jesosy vaho nagnaraky aze, le nanao manahaky zay kea reo mpianany.[20]Ingo, nisy
ampisafy ze fa nandeha lio agnaty ty folo roa amby tao, nandeha ao afara ndre Jesosy vaho nitsapa ty sisy ty
akanjone. [21]Te laha mahavoatsapa ty lambany avao raho, le ho afaky." [22]Te nitoliky Jesosy le nahisaky aze, le
nitsara tihoe: "Ty anak'ampelako, mahereza; ty finoanao ro nahafaky anao. " Vaho afaky iaze ampisafy
nanomboky tamy io lera io.[23]Lafa avy tagny amy ty tragno iaze manam-pahefa Jesosy, le nahisaky reo mpitioky
sody naho reo vahoake nitabataba bey Reke. [24]Le nanao tihoe Reke: "Mandena, te tsy maty iaze ajajampela te
matory reke." Te nihomehy Azy tamy ty fagnamboka iareo.[25]Lafa niboaky tagna ambaliky ty vaohake, le niziliky
tao agn'efitsy Reke vaho nandramby aze tamy tagna, vaho nitsanga iaze ajaj'ampela. [26]Niely feno ty faritsy iaby ty
vaovao mikasiky zay.[27]Vaho Laha niala teo Jesosy, le nisy poaky roa lahy nagnaraky Aze. tsy ninjano nikaiky iareo
vahonirehaky tihoe: "Mamindrà arofo aminay, anaky ndre Davida!" [28]Lafa avy tei an-tragno Jesosy le namojy Azy
reo lehilahy goa. Nanao tihoe Jesosy tamy iareo tihoe: "Mino vao nareo fa mahay manao zay Raho?" Le nanao
tihoe iareo tamine: "Eka, Tompo."[29]Bak'eo nikasihy ndre Jesosy ty maso iareo vaho nitsara tihoe: "Ho avy
aminareo araky ty finoanareo vatane zay," [30]vaho nahisaky ty maso iareo. Bak'eo Jesosy nandily mafy aiereo vaho
nitsara tihoe: "Loniky tsy hisy ndaty ahay mikasiky zao." [31]Te nandeha reo roe lahy le nampimboraky ty vaovao
mikasiky zay feno zay faritsy zay.[32]Vaho laha nadeha reo roe lahy, le ingo, nisy lehilahy moa nitoboha ty demony
nandesy teo amy ndre Jesosy. [33]Vaho lafa niboaky iaze demonia, le nirehaky iaze lehilahy moa. Vere ty vahoake le
nirehaky tihoe: "Tsy mboe fahisaky nanomboky tamy Israely zao!" [34]Te nanao tihoe reo fariseo: "Tamy ty
fanapaha reo demonia ro nandroasane reo demony."[35]Nandeha nitety reo tanàm-bey reo vohitsy iaby Jesosy.
Nanohy nampianatsy tagny amy reo synagoga iareo Reke, nitalily ty filazantsara ty fanjaka, vaho nagnafaky reo
karaza arety iaby naho reo karaza fahararia iaby. [36]Lafa nahisaky reo vahaoky Reke, le nana fiferegnesa agnarofo
tamy reo, satria nisalasala naho kivy iareo. Manahaky ty aondry tsy misy mpiaraky iareo[37]Le nanao tihoe re tamy
reo mpianane: "Lahiali ty voakatsy, te reo mpiasa ro kele. [38]Noho zay mivavah malaky amy ty Tompo ty vokatsy
soa andefasany mpiasa egny amy ty vokatsy."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Nikinaigne ndre jesosy tamy reo mpianane roe ambine folo naho nameane aze reo voninahetse amy reo fanahy
maloto,soa handroahane aze reo,naho nagnafake reo karaza arety naho karaza fahararia iaby.[2]Vaho toagn'aby ty
agnara reo apostoly roe ambine folo. Ty voalohane, Simona (zay kinaike avao kea tihoe Petera), vaho Andreo
rahalahine; Jakoba zanadahy ndre Zebede,naho Jaona rahalahine; [3] Filipo, naho Barteleomy; Tomasy, naho Matio
iaze mpitake haba; Jakoba zanadahy ndre Alfeosy, vaho Tadeosy; [4]Simona iaze Zelota, vaho Jodasy Iskariota, iaze
hamadike aze.[5]Nirahe ndre Jesosy iareo folo roa amby. Nanoro aiereo Reke vaho nirehaky tihoe: "ko mandeha
agne amy ty toerane zay hitoera ty Jentilisa nareo, vaho ko mizilike amy ty rovany reo Samaritana. [6]Te mandena
kea agne amy reo aondry robake amy ty taranagn'Isiraely; [7]lafa mandeha nareo, le mitoria vaho antalilio tihoe:
'Fa mariny ty fiavia ty fanjaka ty lagnitse.'[8]Afaho ty marary, atsangano ty mate liovo reo angamay, vahoroaho reo
demony. Arake ty nahazahoanareo maimaimpoa. [9]Ko manday volamena, volafoty, na saba ao amy ty kitapom-
bolanreo. [10]Ko manday manday kitapom-batia amy ze andenanareo,na fisikina hafa, na kiraro, na fitogno, te ty
mpiasa le maeva hahazo ty mahatanjakine.[11]Na ino na ino tanàm-bey na tanà kele hizilihanreo, paiavo ze maeva
ao, vaho mitoboha ao mandra-pialanareo. [12]Laha vao miziliky ao amy iaze tragno nareo, le miarahabà ty ao. Laha
maeva iaze tragno, le lonike ty fiadagnanareo ho avy ao. [13]Te laha tsy maeva kea zay, le loniky ty fiadagnanareo
himpoly aminareo.[14]Hoahy reo zay tsy mandrambe anareo na tsy miheno ty rehagnareo, le apopoho ty lemboke
amy ty tombognareo, lafa nandeha amy zane tragno na tanàm-bey zane nareo. [15]Taliliako marine aminareo, te ho
moramora vatane ty ahy ty tana ndre Sodoma naho Gamora amy ty andro fitsara noho zay tanàm-bey zay.[16]Ingo,
handefa anareo manahake ty aondry eo ampagnivoa ty amboaly Raho, kea hendre manahake ty menarana vaho
tsy manan-tsikone manahake ty voro mahilala. [17]Mitao ty amy ty ndaty! Hagnomey anareo eo amy ty filan-kevetse
iareo, vaho hamofoke anareo amy ty sinagoga iareo [18]Bak'eo le handese eomagnoloa ty governora naho ty
mpanjaka nareo noho ty amiko, soa ho vavolombelo ho aiereo naho ho ahy ty Jentilisa.[19]Lafa magnomey anareo
iareo, le ko mana fisalasala ty amy ty tihoe manao akore na ino ro ho talilianareo, fa homea anareo amio leraio
zay tokone hovolagne. [20]Te tsy nareo ro hitsara, te ty fagnahy iaze Babanareo ro hitsara ao aminareo.[21]Ty rahalahy
le hagnomey ty rahalahy ho amy ty fahafatesa, vaho ty baba le ty anagne. Ty anake le mitsanga hanohitse ty rae
aman-drenene ka hahatonga ty fahafatesa iareo. [22]Ho hejene on-daty nareo naho amy ty agnarako. Te naia naia
maharitse amy ty farane, Le ho voavonje zane ndaty zane.[23]Lafa magnenjeke anareo ao amy io Tana-bey io iareo,
le milaisa agne amy ty magnarake, te talilieko marine aminareo, te tsy hanapitse reo tanagn'Israely miaolo ty
hiavia ty anagn'Ondaty nareo.[24]Ty mpianatse le tsy bey noho ty mpampianatse, na ty mpiasa ho ambone noho ty
tompone. [25]Ampe ho ahy ty mpianatse laha avy manahake ty mpampianane reke, vaho ty mpiasa avy ty tompone.
Laha kinaign'iareo tihoe Belzeboba ty tompo ty tragno, le ho raty lavitse manahake ty manao akory reo agnara
fikaiha iareo ty saky ty mpilongo[26]Noho zay ko matahotse aze reo, te tsy hisy hatsioke ze tsy himboake, vaho zaka-
mitsioke ze tsy ho hay. [27]Ze ataliliko anareo ao amy ty maieke, le talilio amy ty andro mazava, vaho ze bisibisike
janjinareo amy ty sofignareo, le ambarao egne ambone tafon-tragno.[28]Ko matahotse ahy reo ze mamono ty vata
feie tsy afake mamono ty fagnahy. Te kea, matahora ahy ze afake mamotike ty fagnahy naho ty vata agne amy
helo. [29]Nao tsy vola malinike kele vao ro hamarota foly roe? Te tsy mboe nisy na raiky amy iareo milavo amy ty
tane laha tsy misy ty fahaiza ty Babanareo. [30]Ty na ty volon-dohanareo kea le voaisake iaby. [31]Ko matahotsy. Misy
dikane vatane noho ty foly maro nareo.[32]Noho zay ze iaby magneke Ahike eo agnatreha ty ndaty, le ho ekegniko
avao kea eo agnatreha ty Babako ze agne an-dagnitse. [33]Te ze mandà Ahike eo agnatreha ty ndaty kea, le ho laviko
avao kea eo agnatreha ty Babako ze agne an-dagnitse.[34]Ko mieritseritse te raho le ho avy handay fiadagna eto an-
tane. Tsy avy handay fiadagna Raho, te meso bey. [35]Te avy raho hagnaraky ty anandahy amy babane, vaho ty
anak'ampela amy ty renine, vaho ty vinanto ampela amy ty rafoza ampelane. [36]Reo ze ao an-tokan-tragnone avao
ro ho lasa fahavalo ty ndaty[37]Ze tea vatane ty rae na rene mihoatse Ahike le tsy maeva Ahike; vaho ze tea vatane
ty anandahy na ty anak'ampela mihoatsy Ahike le tsy maeva Ahike. [38]Ze tsy mandrambe ty hazofijaleane le
magnarake Ahike le tsy maeva Ahike. [39]Ze manarobake ty fiaigne le haharobake say. Te ze mahavere ty fiaigne
noho ty amiko le hahisake zane.[40]Ze mandrambe anareo le mandray Ahike, vaho ze mandray Ahike le mandray
iaze nagnirake Ahike avao kea. [41]Ze mandrambe ty mpitoky lefa mpitoky re le hahazo ty valesoa ty mpitoky, vaho
ze mandrambe ty ndaty mahity satria ndaty mahity re hahazo ty valesoa ty ndaty marine.[42]Na ia na magnomey ty
raiky amy regny malinikeloatse regny, na le ramo manitsy kapoake raeke hinome avao , satria re mpianatsy, le
talilieko marine aminareo te, tsy ho rombaky ty valesoane."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 11

[1]Vaho lafa baka nampianatsy reo mpianane folo roa amby Jesosy, le niala bak'eo Re hampianatsy naho hitali;ly
agn e amy ty tana iareo. [2]Vaho lafa janjy ndre Jaona tao am-pingandra ty mikasiky reo asa ndre Kristy, le nandefa
hafatsy tamy ty alala reo mpianane re [3]Le nitsara Aze tihoe: "Iriha vao iaze raike ho avy, sa tokone hipay hafa
zahay?"[4]Jesosy namaly vaho nitsara aiereo tihoe: "Mandena vaho talilio amy ndre Jaona ze hisanareo naho
janjinareo." [5]Mahazo fahisaha reo goa, mandeha reo ndaty maleme, liovy reo angamay, mahare ndraike reo
ndaty ngy. atsangan-ko velo reo ndaty maty, vaho italiliako reo vaovao mahafaly ty mijaly. [6]Vototsy ze tsylavo
noho ty amiko."[7]Laha nandeha tegny amy ty lalane reo lehilahy reo, le nanomboky nitalily mikasiky ahy ndre
Jaona tamy reo vahoake Jesosy thoe: "Hivamba ino ro niboahanareo agny amy ty tane tsy misy raraha - volotara
tiofy ty tioky? [8]Feie hivamba ino ro niboahanareo - lehilahy manao fisikina lafo vily? Ingo, reo ze manao fisikina
lafo vily le mitoboke ao an-jomba reo mpanjaka.[9]Feie hivamba ino ro niboahanareo mpitoky? Eka, mitsara
aminareo Raho, vaho mihoatse lavitse noho ty mpitoky. [10]Reke iaze ze vaosoratse tihoe: 'Vambao magnirake ty
irako hiaolo ty vatanareo Raho, ze hagnoma ty làlagnareo miaolo anareo.'[11]Talilieko marine amainareo, te amy
reo ze nasama ty ampisafy le tsy misy bey mihoatsy noho Jaona mpanao Batisa. Feie ty ndaty tsy misy dikany
loatse eo amy ty fanjaka ty lagnitse le bey noho re. [12]Nanomboky tramy ty andro ndre Jaona mpanao batisa le
hatramy zao le miaritse amy ty herizaka ty fanjaka ty lagnitse, vaho reo ndaty mahare zaka le mangalake aze an-
kerene.[13]Te reo mpitoky iaby naho ty lily le fa nitoky hatramy ndre Jaona: [14]vaho laha teanareo ty hagnina zane, le
Re ro Elea iaze ho avy. [15]Ze manan-tsofy handesy minjanjy, lonike re hijanjy.[16]Amy ino ro tokone hamampahafiko
toy taranake toy? zane le manahake ty ajaja mihisa egne amy ty tsena, ze mitobotoboke naho mifampikaikaiky
[17]le mirehaky tihoe: " Nitioky sody ho anareo zahay, te tsy nisinjaky nareo. namboatse antsa fisaogna zahay, te tsy
nitagny nareo.'[18]Te jaona le tsy avy hitava mofo na hino divay, le nanao tihoe iareo: 'Mana demone re.' [19]Ty
Anak'Ondaty le avy hitava naho hino le nanao tihoe iareo : 'vamba, lehilahy tea hany naho mpino toaky re,
ragnine reo mpitaky haba naho reo mpanao rate! Te ty fahandrea le voamarine tamy reo asane."[20]Bak'eo Jesosy
nanomboky nistara mafe reo tanà ze nanaovane ty ankamaroa ty asane mahavere, satria tsy mifona iareo.
[21]"Loza ho anreo ry Korazina! Loza ho anarep, Ry Betsaida! Laha natao tagnye Tyra naho sidona reo asa
mahavere ze nataop teto aminareo, Le fa ela ro nifona tamy ty lamba fisaogna naho lavenoke iareo. [22]Feie ho
moramora vatane ty ahy ty Tyra naho sidona amy ty andro ty fitsara mihoatse noho ty anreo.[23]Nareo,
Kapernaomy, mihevitra vao nareo te hasondrotse agne an-dagnitse? Aha, handesy hizotso agny amy ty helo
nareo. Satria laha tagne Sodoma ro natao reo asa mahavere ze natao teto aminareo, le mboe ho tavela zane
zisik'androane. [24]Feie mitalily aminareo Raho te ho mora vatane ho ahy ty tane ndre Sodoma ty andro ty fitsara
noho ty ho aminareo."[25]Tamy zay andro zay Jesosy nitsar tihoe: "Miantsa Anao Raho, Baba, Tompo ty lagnitse
naho ty tane satria Iriha ro namony reo raraha reo tamy ty hendre naho ty mahay, vaho nagnambara reo tamy
reo ze tsy mahay, manahake reo aja kele. [26]Eka, Baba, satria zay le nahafinaritse teo amy ty fanjonao. [27]Ty raraha
iaby nankine tamiko le bak'amy ty Raeko; vaho tsy misy mahay ty Anake ankoatsy ty Baba vaho tsy mahay ty
Baba ankoatsy ty Anake, naho ze fily ty Anake hagnambara Aze.[28]Mandeha atoy amiko, nareo iaby ze miasa naho
manday mavesatse, le omeiko fitofa nareo. [29]Andeso ty jongako vaho mianara amiko, te malemy fagnahy naho
miambany vata agn'arofo Raho, le hahisake fitofa ho ahy reo fagnahinareo nareo. [30]Te mora ty jogako vaho amiva
ty entako."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 12

1Tamy zay fotoa zay Jesosy nandeha namakivaky ty tanembare tamy ty andro Sabata. Kere reo mpianane le
nanomboke nitsongo voam-bary le nihina reo. 2Feie noho hisa reo Fariseo zay, le nanao tihoe iareo tamy ndre
Jesosy: " Vambao, reo mpianatrao manao ze tsy ara-lily ty manao aze amy ty Sabata."3Te Jesosy nitsara aiereo
tihoe: " Mbo tsy nivakinareo vao raraha nanoe ndre Davida, lafa kere re, naho reo lehilahy iaby niarake tamine?
4Nizilike tao amy ty anjomba ty Andragnahare re vaho nitava ty mofo ty fagnatreha, ze tsy ara-dalàgna ho aze
laha tavay vaho tsy ara-dalagna ho ahy reo ze niarake tamine, feie ara-dalàgna ho ahy ty bey ty mpisoro arere
avao.5Tsy mboe nivakinareo vao ty ao amyu ty lily, te amy ty Sabata reo mpisoro ao an-tempoly le manao raty ty
Sabata feie tsy misy tsikone? 6Feie talilieko aminareo te etoa ty raike bey noho ty tempoly.7Laha hainareo ty heve
ty tihoe 'indrafo ro iriko te tsy soro,' le tsy nagnameloke ty tsy manan-tsikone nareo. 8Te ty Anak' Ondaty ro
Tompo ty Sabata."9Bak'eo Jesosy niala tao le nizilike tao amy ty Synagoga iareo. 10Ingo, nisy lehilahy ze maleme
tagna teo. Nagnontane ahy ndre Jewsosy reo Fariseo, nanao tihoe: "Ara-dalàgna vao ty magnafaky amy ty
Sabata?" soa hitanjaha iareo Aze amy ty haratea.11Nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Ndaty ia eo aminareo, ia, laha
aondry raike avao ro anagnane, laha latsake ampo lavake lalike iaze aondre amy ty Sabata, ro tsy hisambotse aze
vaho tsy hampiakatse aze? 12Tsy manan-danja mihoatse lavitse, vao, ty ndaty noho ty aondry! Le noho zay le ara-
dalagna ty manao soa amy ty andro Sabata."13Bak'eo nanao tihoe Jesosy tamin-dralahilahy: " Ahitio ty tagnanao."
Le nahitine zay, le nimpoly ty fahasalamane manahaky ty tagnane ilane. 14Te niboake reo Fariseo le nitetike ty
hamono Aze. Nipay hevitse ty amy ty fomba mete hamonoa Aze iareo.15Lafa nahay zay Jesosy, le nila teo Re.
Ndaty lahialy ro nagnarake Aze, vaho nafahane iaby iareo. 16Le nandily aiereo Re soa tsy hampafantatse Aze amy
ty hafa, 17soa hahatanterake, ze fa natalily tamy ty alala Isaia mpitoke, manao tihoe:18"Vambao, ty mpiasako ze
nifilko iaze teako, ze teako ty fagnahiko loatsy. Hapoko ao amine ty fagnahiko, vaho hitalily ty fitsarà amy ty
Jentilisa re.19Tsy hifandietse na hikaike mafe re; vaho tsy hisy ndaty handre ty feone egny an-dalà. 20Tsy hanapake
ty volotara torotoro re; tsy hamono ze lahin-jiro manentroke, mandra-panaone ty hitine ho fandresea, 21vaho amy
ty agnarane ro hanagan reo Jentilisa fagnantegna."22Bak'eo nisy ndaty goa naho moagne, nitiboha ty demone,
nadesy teo amy ty Jesosy. Nafahane re, vokatsy zay le nitsara naho nahisake iaze moagne. 23Vere reo vahoake iaby
le nivola tihoe: "Mete io lehilahy io vao ro ana ndre Davida?"24Feie lafa nahajanje zay fahaveregna zay reo
Fariseo, le nanao tihoe iareo: "Io lehilahy io tsy mandroake demony laha-tsy amy ty lala ndre Belzeboba., bey ty
demony." 25Feie hay ndre Jesosy ty eritseritsy iareo le nitsara iareo re tihoe: "Ty fanjaka iaby mialy an-tragno le tsy
haharitse, vaho ty tanà na tragno iaby mialy an-tragno le ho rava.26Laha mamoake satana ty satana, le mialy an-
tragni re. Manao akore noho zay ro hijoroa ty fanjakane? 27Vaho laha mamoake reo demonia amy ty alala ndre
Belezeboba Raho, le amy ty alalan'ia zay ro adroaha ty anakareo aiareo? Noho zay antone le ho mpitsaranao
iareo.28Feie laha madroake reo demone amy ty alala ty fagnahy ty Andragnahare Raho, le fa avy aminareo ty
fanjaka ty Andragnahare. 29Amy ty fomba manao akory ro ahafaha ty ndaty mizilike ao an-tragno ty lehilahy
mahere vaho mangalake reo fanagnane laha tsy haharohy aloha iaze lehilahy mahere? Bak'eo hangalake reo
fanagnane ao an-tragnone re. 30Ze tsy mikasike Ahike le manohitse Ahike, vaho ze tsy miharo miarake Amiko le
miparitake31Noho zay talilieko aminareo te, ho voavela heloke ty ndaty amy ty faharatia naho fitenenan-drate
iaby, te ty fitenenan-drate amy ty fagnahy Masy le tsy hahazoa famelan-keloke. 32Na ia na ia mirehaky manohitse
ty Anak'Ondaty, le ho voavela re. Te na ia na ia mitsara manohitsy ty Fagnahy Masy, le tsy ho voavelo re, na amy
zao fiaigna zao, na amy ze ho ave.33Ataovo soa ty hetea hamoa soa zay, na ataovo rate ty hetea le hamoa rate zane,
te hainao amy ty amy ty voane ty hetea. 34Nareo taranake ty menara, satria rate fagnahy nareo, kea manao akore
ro afahanreo mitsara raraha soa? Te avy amy ty habey ty ao agn'arofone ro irehafane ty vavane. 35Ty ndaty soa
bak'amy ty fanagna soa ao am-pone le mamokatse ze soa, vaho ty ndaty rate bak'amy ty fanagna rate ao
agn'arofone le mamokatse ze rate.36Talilieko aminareo te amy ty andro ty fitsara le ho adigny amy ty tsara tsy
voadinike hitaliliene iaby ty ndaty. 37Te ty tsaranao ro hagnamarigna anao, vaho ty tsaranao ro hagnameloha
anao."38Bak'eo nisy mpanora-dalàgna naho Fariseo sasantsasane namale ahy ndre Jesosy vaho nitsara tihoe:
"Mpampianatse, magniry ty ahisake fahaiza bak'aminao zahay." 39Te namale Jesosy vaho nitsara aiareo tihoe:
"Misy taranake rate fagnahy naho mpijangajanga mipay fahaiza. Feie tsy misy famatara omea aze ankoatsy ty
famatara ndre Jaona mpitoky. 40Te manahaky ahy ndre Jonah ze telo andro naho telo halike tao an-kibo ty fia bey,
le hanahake zay kea ro hitoboha ty anak'ondaty telo andro naho telo halike ao ampo ty tane.41Reo ndaty Ninive le
hitsanga eo amy ty fitsara miarake amy toy taranake tiy vaho hagnameloke zay. Te nifona iareo tamy ty toriteny
ndre Jonah, vaho ingo, misy ndaty bey noho Jonah eto.42Ty mpanjak'ampela ty atimo le hiara-hitsanga amy reo
lehilahy toy taranake toy amy ty andro ty fitsara vaho hagnameloke zane. Avy bak'agne amy ty fara ty tane re soa
hajanjy ty fahendrea ndre Salomona, vaho ingo, misy ndaty noho Solomona eto43Lafa nisy fagnahy rate niala tao



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

amy ty lehilahy raike, le mandalo tane maike re vaho mipay fitofa, feie tsy mahisake zay. [44]Zane le mitalily tihoe: 'Himpoly agne amy ty tragnoko ze nihaviako raho.' Vaho lafa avy, le nahisake te voafafa ty tragno vaho nilamy. [45]Bak'eo le nandeha zay vaho naday fagnahy raty fito niarake tamine ze rate mihoatse aze, le nizilike nitoboke tao iareo iaby. Bak'eo niha-rate noho ty voalohane ty fiafara zane lehilahy zane. Vaho hanahake zane kea ty amy toy taranake rate fagnahy toy."[46]Laha mboe nitsara tamy rei vahoake Jesosy, le indreo, ty renine naho reo rahalahine nitsanga tagne ambalike, nipay hirehake amine. [47]Nisy ndaty raike nitsara tamine tihoe: " Vambao, ty reninao naho reo rahalahinao mitsanga ao ambalike, mipay irehake aminao."[48]Te namaly Jesosy vaho nitsara tamy iaze nitsara Aze tihoe, "Ia ro reniko vaho ia ty reo rahalahiko?" [49]Bak'eo nahitine tamy reo mpianane ty tagnane vaho nitsara tihoe: "Jereo, Indreto ty reneko naho reo rahalahiko! [50]Te ze manao ty sitrapo ty Raeko ze agny an-dagnitse, le zay ndaty zay ro rahalahiko, naho ty rahavaviko, vaho reneko


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 13

[1]Tamy zay andro zay Jesosy nandeha niboaky ty tragno vaho nitoboke teo amisisy ty ranomasy.[2]Nisy vahoake
lahialy nivory nagnodidy Azy, le nizilike tao an-tsambokele Re vaho nitoboke tao amy zay, laha nitsanga teo amy
sisin-dranomasy kea ty vahoake iaby[3]Bak'eo Jesosy nitalily raraha lahiale tamy iareo tamy ty alala ty fagnohara.
Nanao tihoe Re: "Ingo, nisy mpambole raike nandeha niboake hitonge voa. [4]Laha re nitonge igne, le nisy voa
sasane latsake tegne amy sisin-dala, vaho avy reo voro le nitely reo. [5]Reo voa hafa ndraike le latsake tegne amy ty
tane bey vato, ze tsy nahazo reo nofon-tane soa. le avy le nitiry reo, satria tsy laike ty tane. [6]Te lafa niposake ty
masoandro, le maike reo satria tsy nisy vahane, vaho nalazo.[7]Nipoke teo amy ty fatike reo voa hafa. Nitiry reo
fatike vaho nandrakoke aiereo. [8]Reo voa hafaa nilatsake tamy ty tane soa vaho namoa voane, ty ilane ambo zato
mihoatse, ty ilane enem-polo, vaho tty ilane telo-polo. [9] Ze manan-tsofy, lonike re hijanje."[10]Avy bak'agn e reo
mpianatse vaho nitsara ahy ndre Jesosy tihoe: "Nanao akore Riha ro mirehake amy reo vahoake amy ty alala ty
fagnaohara?" [11]Namale Jesosy vaho nitsara aiereo tihoe: "Nareo ro nomey tombone hahay reo raraha mivone ty
fanjaka ty lagnitse, te ho aiereo le tsy nomey zane. [12]Satria na ia na ia mana, le ho vatane ro homea. Te na ia na ia
kea tsy mana, na ze hanagnane kea hala amine.[13]Zay ro antone hitsarako amy iareo amy ty alala ty fagnohara: Na
le mivamba ke aaiareo' le tsy mahisake vaho na le mijanje kea iareo, le tsy mahare, na mahazo. [14]Amy iareo ty
fitokia Isaia ro tanterake, ze magnambara tihoe: 'Lafa mijanje le hahare nareo, feie tsy hahazo avao, lafa
mivamba le hahisake nareo, feie tsy hahatakatse.[15]Te lasa bado ty arofo toy vahoake toy, vahomafe sofe iareo,
vaho napy iareo ty maso iareo, na hahare amy ty sofy iareo, na hahazo amy ty arofo iareo, Le hifona ndraike
iareo, vaho hagnafake aiereo Raho.'[16]Te sambatse tsy fanjonareo, satria mahisake; vaho ty sofinareo, satria
mahare. [17]Talilieko marine aminareo te mpitoky naho ndaty marene lahilay ro nagniry ty hahisake ahy reo.
Nagniry ty hahare iareo raraha ze henonareo iareo, feie tsy nahare ahy reo.[18]Kea mijanjigna vaho ty fagnohara ty
amy ty mpamoble raeke ze nitongy ty voane,. [19] Lafa misy mahare ty tsara ty fanjaka nefa tsy mahazo zay, le avy
iaze rate vaho magnom,botse ze tinongy tao agn'arofone. Io iaze voa tinongy tegne amy ty sisin-dala.[20]Iaze
tinongy tegne amy ty tane maro vato le ty ndaty ze mahare ty tsara vaho lasa le mandray aze am-pifalea, [21]feie tsy
mboe miory lalike ao agn'arofone re vaho le tsy ela avao. Lafa avay ty fijalea na ty fagnenjeha noho ty amy ty
tsara, le malaky lavo re.[22] Iaze tinongy tegne amy ty fatike, io le ty ndaty ze mahare ty tsara, feie ty fisalasala amy
zao tontolo zao naho ty fitake ty hanagna ro mandrakoke ty tsara, vaho le lasa tsy mamoa re. [23]Iazze tinongy teo
amy ty tane soa, io ro ndaty ze mandre ty tene vaho mahazo zay. Mamoa voankazo re vaho mahaavy ty voa
raeke., hagnomey ambone ty zato mihoatse ze nambole, ty ilane enim-plo, ty ilane avo telo-polo."[24]Naneho
fagnohare raeke hafa tamy iareo Jesosy. Nanao tihoe Re: "Ty fanjaka ty lagnitse le manahake ty lehilahy raeke ze
nitonge voa soa tao amy ty baibone. [25]Te laha natore igny ty ndaty, le avy ty fahavalone vaho nitonge voan-
tsiparifary avao kea tao amy reo vare vaho nandeha. [26]Lafa nitiry reo vare vaho bak'eo namokatse reo voane, le
nipoitse avao kea reo voan-tsimparifary.[27]Avy reo mpiasa ty tompon-tane vaho nitsara tmine tihoe: 'Tompoko, tsy
nitongy voa soa tao amy ty baibonao vaho riha? Nanao akory re amy henanizao ro misy voan-tsiparefare?'
[28]Nanao tihoe re tamy iareo: 'NIsy fahavalo namboatse zay.' Nanao tihoe iareo mpiasa tamine: 'Kea teanao vao ty
handenanay magnombotse aiereo?'[29]Iaze tompon-tane nitsara tihoe: 'Aha. Satria laha magnombotsy reo
tsiparefare nareo, le mete hagnombotse ty vaha reo vare miarake amy reo kea. [30]Apoho hiarake hitiry iareo roe
hatramy ty fanampaha. Amy ty androm-panampaha le hitsar amy ty mpanampake raho tihoe: "Afaho aloha reo
akata rate vaho afatoro ho fatotse maromaro soa horoa aiereo, te avorio ao amy ty fisiam-bokatso kea reo
vare.""[31]Bak'eo Jesosy naneho fagnohara raike hafa tamy iareo. Nanao tihoe Re: "Ty fanjak ty lagnitse le
manahake ty voatsinampe ze nala ty lehilahy raeke vaho tinongine teo amy y baibone. [32]Io voa io vatane kele
loatse amy ty voa hafa iaby. Te lafa nitiry zay, le bey noho reo zaka-mitiry ao amy ty baibo. Lasa hetae zay, soa
hiavia reo voro ty habakabake vaho hamboatse tragno iareo eo amy reo rantsane."[33]bak'eo Jesosy nitalily
fagnohara raeke hafa. " Ty fanjaka ty lagnitse le manahake ty lalivae ze nala ty amprla raike vaho naharone tamy
ty lafarine intelo fameza mandrta-piakatse ty foto-koba iabe."[34]Fagnohara ro nagnambara ndre Jesosy reo raraha
iaby reo tamy ty vahoake; vaho tsy nitalily na ino na ino tamy iareo ankoatsy tamys ty fagnohara Re. [35]Zane le soa
hahatanterake zew nitalily tamy ty alala ty mpitoke, lafa nitsara Re tihoe: "Raho hiboa-bava amy ty alala ty
fagnohara. Hitalily raraha ze navone nanomboke nagnoregna zao tontolo zao Raho."[36]Bak'eo Jesosy nagnenga reo
vahoake vaho nandeha ao an-tragno. Nandeha eo amine reo mpianane vaho nitsara tihoe: "AZavao aminay ty
fagnohara mikasike iaze tsimparefare ty baibo." [37]Namale Jesosy vaho nitsara tihoe: "Iaze nitongy voa soa le ty
Anak'Ondaty. [38]Ty baibo le zao tontolo zao; vaho ty voa soa, reo ro ana ty fanjaka. Ty tsimparefare le reo ana iaze
rate, [39]vaho ty fahavalo ze namafe aiereo le ty devole. Ty fanampaha le fahatapera zao tontolo zao, vaho ty
mpanampake le reo anjele.[40]Noho zay, manahake ty amosria naho agnoroa reo tsimparefare amy ty afo, ro atao



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

kea amy ty fahatapera zao tontolo zao. [41]Hagnirake reo anjelene ty Anagn'Ondaty, vaho havory iareo hiala amy ty fanjakane reo raraha iaby ze mahaavy haratia, naho reo ze manao rate. [42]Hatora iareo ao amy ty laforo bey mimbelak'afo iareo, ze hisy fitagnia naho fangotsoha-nife. [43]Bak'eo hamiratsse manahake ty masoandro ao amy ty fanjaka ty Baba iareo ty ndaty mare. Ze manan-tsofy, lonike re hijanje.[44]Ty Fanjaka ty lagnitse le manahake ty hanagna ze mivone ao amy ty baibo raeke. NIsy lehilahy nahisake zay vaho navonine. Nandeha tamy ty hafaleane re, Nivarotse ze iaby nanagnane, vaho nivily sio baibo io. [45]Vaho kea, fanjaka ty lagnitse le manahake ty lehilahy ze mpamarotse mipay voahange lafo vile. [46]Lafa nahisake voahange raeke ze vatane lafo vile re, le nandeha le nivarotse ze iabe nanagnane le nivily zay.[47]vaho kea , ty fanjaka ty lagnitse le manahake ty harato ze natorake tagne an-dranomasy, vaho namore reo karazan-draraha-manam-piay iaby. [48]Lafa feno zay, le nitarihy reo mpagnarato ho eo amy sisin-dranomasy. Bak'eo iareo nitoboke le namore reo raraha soa ho ao amy ty fitoerane, te reo raraha tsy mpaiave kea naria iareo.[49]Hanahake zay amy ty fitapera zao tontolo zao. Ho avy reo anjele vaho hagnasarake reo rate fagnahy amy reo to. [50]Hatora iareo ao amy ty fagnoroa bey mibelaka afo iareo, ze hisy ty fitomagnia naho fagnotsoha-nify.[51]Azonareo vao zay raraha iaby zay?" Nanao tihoe reo mpianane tamine: "Eka." [52]Bak'eo Jesosy nitsar tamy iareo tihoe: "Noho zay ty mpanora-dalagna iaby ze lasa mpianatse eo amy ty fanjaka ty lagnitse le manahake ty lehilahy tompon-tragno raeke, ze mamoake reo raraha fa ela naho reo raraha vaovao bak'ao amy ty fanagnane." [53]Bak'eo lafa nahavita reo fagnohara reo Jesosy, le niala tamy zay toera zay Re.[54]Bak'eo Jesosy nizilike tao amy ty tanine arere vaho nampianatse reo vahoake tao amy ty synagoga iareo. Vokatse zay le vere iareo vaho nitsar tihoe: "Baka aia ro ahazoa toy lehilahy toy ty fahendrene naho reo fahaveregna reo? [55]Tsy io lehilahy io vao ro anagn'iaze mpandrafitse? Tsy Maria vao ro hikaiha ty renine? Tsy Jakoba, Josefa, Simona, vaho Jodasy vao ro rahalahine? [56]Tsy miarake amintika vao reo rahavavine iaby? Baka aia ro nahazoane reo raraha iaby reo?"[57]Meloke noho ty amine iareo. Te nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Tsy misy mpitoke tsy misy hajane laha tsy ao amy ty firenegny naho ao amy ty fianakaviane avao." [58]Tsy le nanao fahagaga bey tao Re noho ty tsy finoa iareo



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 14

[1]Tamy zay andro zay, Heroda mpanapake naheno ty vaovao mikasike ahy ndre Jesosy.[2] Nanao tihoe re tamy reo
mpiasane: "Re Jaona mpanao batisa zay; nitsanga tamy ty mate re, Noho zay le miasa ao amine reo here reo."[3]Te
Heroda nisambotse ahy ndre Jaona nandrohy aze, vaho nandefa aze tagne an-tragno maike noho re Herodiasy
valy ndre Filipo rahalahine. [4]Te nanao tihoe Jaona tamine: "Tsy ara-dalagna ho anao ty mana aze ho valenao."
[5]Nagniry ty hamono aze heroda, feie natahotse reo vahoake re, satria nirambese iareo manahake ty mpitoke re.
[6]Te laha avy ty fimpolia ty andro nitereha ndre Heroda, le nisinjaky teo ampagnivoa reo mbahine nagnambara ty
anak'ampela ndre Herodiasy le nahafinaritse ahy ndre Heroda. [7]Ho valeny zay, le nampagnantegna tamy ty
fifanta reo ty hagnome ze hangatahine na ino na ino.[8]Lafa baka nitoroa ty renine marike, le nanao tihoe re:
"Omeo ahike andeso ambony ty finga, ty loha ndre Jaona mpnao Batisa." [9]Nalahelo mafe noho ty fangatahane ty
mpanjaka feie noho ty sarekine noho reo iaby nitava niarake tamine, le nagnome baiko re te tokone ho vita zay.
[10]Nagnirake le nanapake ty loha ndre Jaona tao am-pingandra re. [11]Bak'eo nandesy tamy ty finga ty agnambone
vaho nomea iaze ajaja ampela vaho nandesy teo amy ty renine zay. [12]Bak'eo le avy reo mpianane, nangalake iaze
fate, vaho nandeve zay. Tafara zay, le nandeha iareo vaho nitalily tamy ndre Jesosy.[13]Vaho lafa nahajanje zay
Jesosy, le niala bak'eo tamy ty sambokele raike re handeha amy ty toera mitoka raeke. Lafa naheno zay reo
vahoake, le nagnarake Aze an-tomboke bak'agne amy reo tanàm-bey. [14]Bak'eo Jesosy nandeha eo agnoloa iareo
vaho nahisake reo vahoake lahiale. nahaferegnay aiereo Re vaho nagnafake ty arete iareo.[15]Lafa avy ty hariva, le
nandeha eo amine reo mpianatse vaho nitsar tihoe: "Toy le toera tsy raraha, vaho fa tapitse avao ty andro.
Alefaso reo vahoake, soa hahafaha iareo mandeha agne amy reo tanà vaho hivile mahatanjake ho ahy ty vata
iareo."[16]Te Jesosy nitara aiereo tihoe: "Tsy mila mandeha lavitse iareo. Omeonareo raraha hane iareo." [17]Nanao
tihoe iareo tamine tihoe: "Mofo lime naho fia roe avao ro hanagnanay eto." [18]Nanao tihoe Jesosy: " andeso atoy
amiko zay."[19]Bak'eo Jesosy nibaiko reo vahoake soa hitoboke eo amy ty boka. nalane reo mofo limne naho fia roe.
Niandrandra tagne an-dagnitse, le nisaotse Re vaho nanapake reo mofo le nomeine reo mpianatse, vaho reo
mpianatse nagnome zay ho ahy reo vahoake. [20]Nitava iareo iaby vaho voke. Bak'eo le navory iareo ty sisa reo
potiky ty mahatanjake le nahafeno folo roa amby vaha. [21]Teo amy ty dimy arivo lahy teo reo nitava ankoatsy reo
ajaja amin'ampela.[22]Va le nampandehanine nnandeha ao amy ty sambokele vaho handeha hiaolo Aze ho egne
ampita reo mpianane laha mbo nandefa reo vahoake Re. [23]Tafara ty nandefasane reo vahoake, le nandeha
niakatse tegne ambone vohitse arere Reke soa hivavake. lafa avy ty hariva, le arere teo Re. [24]Vaho ty sambo le fa
lasa lavitse ty tane, natopatopa ty onja, satria nitioke nanohitse aiereo ty tioke.[25]Tamy ty fiambena fahaefatsy ty
halike le namoje aiereo Jesosy, nandeha tegne ambone ranomasy. [26]Lafa nahisake Aze nandeha tegne ambone
ranomasy reo mpianatse, le natahotse le nisara tihoe: "Angatse io," vaho le nikoikoike tamy ty tahotse iareo. [27]Te
Jesosy nitsara tamy iareo tihoe: "Mahereza! raho toy! Ko matahotse."[28]Namale Aze Petera le nanao tihoe: "Tompo,
raha Iriha io, le ataovo mamonje Anao egne ambone ty rano raho." [29]Nanao tihoe Jesosy: "Mamonjea" kea le niala
bak'ao amy ty sambokele Petera vaho nandeha teo ambone rano soa hamonje ahy ndre Jesosy. [30]Te laha nahisake
ty tioke Petera, le lasa natahotse. Laha igny re nanomboke nilentike igne, le nikoike mafe re nitsara tihoe: "Tompo
vonjeo raho!"[31]Tonga le nagnity ty tàgnane, nitanjake ahyn dre Petera, vaho nitsara tamine tihoe: "Iriha kele
finoa, te magnino ro nisalasala?" [32]Bak'eo Jesosy naho Petera nandeha namonje ty sambokele nijano tioke ty tioke.
[33]Bak'eo reo mpianatse tao ampo sambokele niantsa andre Jesosy vaho nitsar tihoe: "Riha marine ro Anagne ty
Andragnahare."[34]Lafa baka niampita iareo, le avay tegne an-tanete tao Genesareta. [35]Lafa nahay andre Jesosy reo
lehilahy tao amy zay toera zay, le nandefa hafatse tegne amy ty faritse magnodide iaby, vaho nandesy iareo teo
Amine ze ndaty narare iaby. [36]Nisoloho Tamine iareo soa hahafaha iareo mikasike ty sisy ty akanjone avao, vaho
lahialy reo nikasike zay le afake.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 15

[1]Bak'eo nisy fariseo naho mpanoratse lalagna sasatsasane bak'agne Jerosalema namonje ahy ndre Jesosy. Nanao
tihoe iareo: [2]Nanao akore reo mpianatsai ro mandika ty fomban-drazagne reo raoke ndaty? Te tsy manasa
tagnane iareo mialoha ty hitava." [3]Namale Reke vaho nitsara tamy iareo tihoe: "Kea nanao akore vaho nareo ro
mandika ty lalàgna ty Andragnahare noho ty fomban-drazanareo?[4]Te Andragnahare nitsara tihoe: 'Iasio ty
babanareo naho ty reninao', vaho 'Ze mitsara rate ty babane ty renine, le ho mate vatane.' [5]Te nareo mitsara
tihoe: 'Na ia na ia mitalily amy ty babane na renine tihoe: "Na ino na ino fagnampea ze azonareo bak'amiko le
fagnomeza ho ahy ty Andragnahare amy henanezao,'" [6]zay ndaty zay le tsy mipay miasy ty babane. Amy zay
fomba zay le niravanareo ty tsara ty andragnahare noho ty tombotsoa reo fomban-drazanareo.[7]Ty
mpihatsaravelatsiihe! To ty fitokia Isaia mikasike anareo laha nitalily reke tihoe: [8]Toy vahoake toy le miasy ahike
amy ty sogn'iareo, te ty arofo iareo le lavitse ahike. [9]Tsy misy dikane ty fiantsane ahike, satria iareo mampianatse
ty lily ty ondaty manahake ty fampianara iareo.[10]Bak'eo ty vahoake ho eo Amine Re vaho nitsara tamy iareo tihoe:
"Mijanjigna le mahazoa - [11]Tsy ty mizilike ao ambava ty ndaty ro mampaloto ty ndaty. Te kea, ze amboake ty vava,
ro mampaloto ty ndaty."[12]Bak'eo namonje reo mpianatse vaho nitalily tamy ndre Jesosy tihoe : " Nao hainao vao fa
meloke reo fariseo noho ty naheno zay tsara zay" [13]Jesosy namaly ke nitsara tihoe: "Reo raraha mitiry e tsy
nambole iaze Babako agne an-dagnitse le ho lany iaby. [14]Apoho iareo ho eo, iareo le mpitarike goa. Le ha misy goa
raeke mitarike goa raeke hafa, le sambe hivare an-davake iareo roe."[15]Petera namale le nitsara tamy ndre Jesosy
tihoe: "Azavao aminay zay fagnaohara zay." [16]Nanao tihoe Jesosy: Tsy manam-pahalala avao kea vao nareo?" [17]Tsy
hisinarei vao te ze mizilike amy ty vava le mandeha ao an-kibo vaho bak'eo le haboake agne amy ty lavake
fiboaha?[18]Te reo raraha ze amboake ty vava bak'amy ty arofo. Reo raraha reo ro mampaloto ty ndaty raeke. [19]Te
ave amy ty arofo ro iboaha ty Saen-drate, ty vono ndaty, ty halatse, fijoroa vavolombelo tsy marene, vaho ty
firehafa rate. [20]Reo raraha reo ro mampaloto ty ndaty raeke. Te ty mitava amy ty tagna tsy misasa le tsy
mampaloto ty ndaty raeke."[21]Vak'eo Jesosy niala teo le nimpole tagne amy ty faritane ndre Tyro naho Sidona.
[22]Ingo, nisy ampela Kananita raeke bak'amy zay faretse zay. Nikaike lafe re vaho nitsara tihoe: "Mamindrà arofo
amiko, Tompo, ana ndre Davisa o! Ty anak'ampelako le ampinjale ty demone mafe." [23]Te Jesosy tsy namale tsara
aze. namonje reo mpianane le nangatake Tamine, nanao tihoe: "Roaho re, te mikorakorake mafe amintika."[24]Te
Jesosy namale vaho nitsara tihoe: "Tsy nirahe ho ahy ty ia na ia Raho ankoatse ho ahy ty oandre rombake amy ty
hasaveregna ty Israely." [25]Te avy nangatake naho nihohoke teo agnatrehane re, nanao tihoe: "Tompo, lombaho
raho." [26]Namale Re le nanao tihoe: "Tsy rarene laha ala ty mofo ty ajaja le atorake ho ahy ty alika."[27]Te nanao tihoe
re: "Eka, Tompo, na ty alika kea le mba mihina ze sombitsombine latsake bak'amy ty latabatse ty tompone."[28] Le
namale Jesosy vaho nitsara tamine tihoe: "Rampela bey ty finoanao; ho avy aminao vatane zay arake ze irinao."
Le afake ty anak'ampela tamy zay lera zay.[29]Niala teo jesosy le nandeha marine ty ranomasy ty Galilia. Bak'eo le
niakatsy tegne ambone vohitse raeke reke le nitoboke teo. [30]Vahoakelahiale ro namonje Aze. Nandesy iareo
niarake tamy iareo ty maleme, ty goa, ty moa ty sembana, vaho marare maro hafa kea. Natobo iareo teo am-
tombo ndre Jesosy reo; le nafahane. [31]Kea le vere ty vahoake laha nahisake reo moa mitsara, ty sembana afake, ty
maleme afake mandeha, vaho ty goa mahisake. nankalaza ty Andragnahare ty Israely iareo.[32]NIkaike reo
mpianane soa hamonje Aze Jesosy vaho nitsara tihoe: "Mahaferegnay reo vahoake Raho, satria fa telo andro
iareo ro nitoboke niarake tamiko feie tsy manan-ko hane. Tsy te handefa aiereo tsy mitava Raho, tsy noho mety
ho tsipeke egne an-dalàgna egne." [33]Nanao tihoe reo mpianatse Tamine tihoe: "aia ro hahisanay mofo ampe reo
vahoake lahiale reo atoy amy ty tane tsy misy raraha?" [34]Nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Mofo firy ro gne
aminareo?" Vaho nanao tihoe iareo: "Fito, fia malineke kele." [35]Bak'eo Jesosy nandily ty vahoake soa hitoboke amy
ty tane.[36]Nandrambe ty mofo fito miarake amy ty fia Re, vaho lafa nisaotse, le namake ty mofo la nagnomey reo
ho ahy reo mpianatse, Reo mpianatse nagnome ho ahy ty vahoake. [37]Nihina le afa-po ty vahoake iaby. Bak'eo iareo
namore vaha haro fito feno sombitsombine ze tsy lane. [38]Reo ze nihina le efatsy arivo lahy, tsy ao ampone ty ajaja
amin'ampela. [39] Bak'eo Jesosy nampole ty vahoake le ninjo an-tsambokele vaho le nandeha agne amy ty faretse
ndre Magadana.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 16

1Avy reo Fariseo naho Sadoseo vaho nitsapa Aze le nangatake Aze soa hampiboake aiereo famantara abak'agne
an-dagnitse. 2Te Reke namale vaho nitsara aiereo tihoe: "Lafa hariva, le manao tihoe nareo: 'Ho soa ty andro, te
mena ty lagnitse.'3Lafa maraindray, le manao tihoe nareo: ' Ho rate ty andro, te mena naho magnimbonke ty
lagnitse.' Hainareo ty mamantatse ty tarehe ty lagnitse, te narei tsy afake mandike reo famantara ty fotoa. 4ty
taranake rate mpijangajanga le mipay famantara, te tsy hisy famantara homea aze ankoatse ty famantara ndre
jona." Bak'eo Jesosy nagnenga aiereo le lasa.5Lafa avy tegne ampita reo mpianatse, le haligno iareo ty nanday
mofo. 6Nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Miambena vaho mitao amy ty masirasira reo Fariseo naho Sadoseo."
7Niale hevitse reo mpinatse le nitalily tihoe: " Noho tika tsy nanday mofo zay." 8Jesosy nahay zay le nitsara tihoe:
"Nareo kele finoa, nanao akore nareo ro miale hevitse aminareo le mitsara te noho ty tsy nandesanareo mofo
zay?9Mboe tsy hainareo na tiaronareo vao ty mofo lime ho ahy ty dimy arivo, vaho haro fire ro navorinareo? 10na
reo mofo fito ho ahy reo efats'arivo, vaho haro fire ro nalanareo?11Nanao akore ro tsy ahazoanareo te tsy
mikasike ty mofo ro nitalilieko anareo? Miambena vaho mitao amy ty masirasira reo Fariseo naho
Sadoseo."12Bak'eo azo iareo te tsy hitao amy ty masirasira ty mofo ro nitaliliene aiereo, te hitao ty amy ty
fampianaragny reo Fariseo naho Sadoseo.13Vaho lafa avy tagne amy ty faritse marine ty Kaisaria-filipo Jesosy, le
nagnontane reo mpianane Re, Manao tihoe: "Atao ty ndaty ho ia moa ty Anagn'Ondaty?" 14Nanao tihoe iareo: "Ty
ilane mitalily te Jaona mpanao batisa, ty ilane, Elia, vaho reo hafa, Jeremiana raeke amy reo mpitoke." 15Nanao
tihoe Re tamy iareo: "Te nareo kea manao Ahike ho ia?" 16Namale, Simona Petera nanao tihoe: "Iriha ro Kristy
Anagn'iaze Andragnahare velo."17Namale Jesosy le nanao tihoe tamine: "Vototse iriha, Simona Bar-jona te tsy ty
nofotse naho lio ro naneho zay taminao, te ty Babako ze agne an-dagnitse. 18Talilieko aminao avao kea te iriha ro
Petera, vaho ambone toy lamelame toy ro hagnoregnako ty fiangonako. Ty vavahade ty valavato le tsy haharese
zay.19Homeiko anareo ty lakile ty fanjaka ty lagnitse. Na ino na ino fehezinao eto embone ty tane le ho feheze
agne an-dagnitse, vaho na ino na ino vahanao etoy an-tane le ho vaha agne an-dagnitse." 20Bak'eo Jesosy nandily
reo mpianatse te iareo le tsy tokone hitalile na amy ia na ia te Re ro Kristy.21Tamy zay andro zay Jesosy
nanomboke nitsar reo mpianane te tsy maintse ho agne Jerosalema Re, hiaritse fijalea maro eo an-tagna ty ndaty
bey naho loha ty mpisoro vaho reo mpanoratse lalàgna, ho vonoa, naho hatsanga ndraeke amy ty andro fahatelo.
22Bak'eo Petera nangalake Aze le nitsara mafe Aze, manao tihoe: "Ho lavitse anao vatane zay, Tompo; Tsy hiseho
aminao vatne zay." 23Te Jesosy nitolike le nitsara tamy ndre Petera tihoe: "Mindrisoa agne ambohoko, ry Satana!
Iriha le fandavoa ho Ahike, Noho riha tsy midare reo raraha ty Andragnahare, te reo raraha ty ndaty."24Bak'eo
Jesosy nitsara tamy reo mpianane tiheo: "Laha misy te-hagnarake Ahike, le tsy mainmtse mandà ty vatagny re,
handay ty hazofijaleane, vaho magnarake Ahike. 25Te na ia na ia te-hanarombake ty fiaine le haharombake aze,
vaho na ia na ia ro hahavere ty fiaine noho ty amiko, le hahazo zay. 26Te ino moa ro soa ho azo ty ndaty mahazo
zao tontolo zao nefa rombake ty fiaine? ino ro omea ty ndaty ho solo ty fiaine?27Te ty Anagn'Ondaty le ho avy amy
ty hasine ty Babane miarake amy reo Anjeline. Bak'eo Re hamale soa ty ndaty kiraikiraike arake ze vitane.
28Talilieko marine aminareo, te misy sasane aminareo ze mitsanga eto ro tsy hitsapa ty fahafatesa
mandrapahisaha iareo ty Anagn'Ondate avy amy ty fanjakane."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 17

[1]Enegn'andro tatoy afara Jesosy le nangalake ahy ndre Petera, Jakoba, naho Jaona rahalahine niarake tamine,
vaho nanday aiereo niakatse ty ambone vohitse ambo tamy ty vata iareo. [2]Niova tarehe teo agnoloa iareo Re,
namiratse manahake ty masoandro ty vatane, avho reo fisokinane lasa namiratse manahake ty hazava.[3]Ingo,
niseho tamy iareo Mosesy naho elia nirehake tamine. [4]Namale Petera vaho nanao tamy ndre Jesosy tihoe:
"Tompo, soa amintika ty etoa. Laha teanao, le hanao aloke telo ho antika eto raho - raeke ho anao, raeke ho ahy
ndre Mosesy, vaho raeke ho ahy ndre Elia."[5]Laha mboe nitsara Re, ingo, nisy hiboke mazava nanaro aiereo, vaho
ingo,, nisy feo niboake bak'ao amy ty hiboke, nanao tihoe: "Toy ty Anako malalako, ze teako vatane, Janjgno
Reke." [6]Laha heno reo mpianatse zay, le lavo iareo vaho natahotse mafe. [7]Bak'eo bak'agne Jesosy vaho nikasike
aiereo le nitsara tihoe: "Mitsanga vaho ko matahotse." [8]Bak'eo le nagnete ambone iareo te tsy nahisake na ia na ia
ankoatsy Jesosy raike avao.[9]Laha nizotso ty vohitse iareo, le nandily aiereo Jesosy, nanao tihoe: "Ko mitatitse zao
fahisaha zao na amy ia na ia mandra-pitsanga ty Anagn'Ondaty amy ty mate." [10]Nagnontane Aze reo mpianane,
nanao tihoe: "Nanao akore vao reo mpanoratse lalàgna ro mitalily te Elia le tsy maintse ho ave aolo?"[11]Jesosy
namale vaho nitsara tihoe: "Elia le ho ave vatane vaho hampimpole amy ty misy aze ty raraha iaby. [12]Feie ataliliko
aminareo, te fa ave Elia, te iareo tsy nahay aze. Mifanohitse amy zay, nanao ty raraha iaby ze teane natao tamine
iareo. vaho manahake zane avao kea, ty Anagn'Ondate avao kea le hijale eo an-tagna iareo. [13]Bak'eo le azo reo
mpianatse te nitsara tamy iareo ty mikasike andre Jaona mpanao Batisa reke.[14]Lafa avy teo amy ty vahoake iareo,
le nisy lehilahy raike namonje Aze, nandohalike teo agnoloane, vaho nitsara tihoe, [15]Tompo, manàgna
famindragn'arofo amy ty anandahiko, te voa ty kopoke re vaho mijale mafe. te milavo matetike agne ampo afo na
rano re. [16]Nanday aze teo amy reo mpianatsao raho, te tsy afake nagnafake aze iareo."[17]Namale Jesosy vaho
nitsara tihoe: "Ry taranake tsy mpino naho simba toetse, zisikim-bia ro tokone hitobohako miarake aminareo?
zisikim-bia ro tsy maintse iaretako miarake aminareo? Andeso atoy amiko reke." [18]Nitsara mafe ty demone Jesosy,
le niboake tamine zay vaho le afake tamy zay lera zay iaze ajajalahy.[19]Le namonje ahy ndre Jesosy mangingike reo
mpianatse vaho nanao tihoe: "magnino ro tsy nahavita namoake an'igny zahay?" [20]Jesosy nitsara aiereo tihoe:
"Noho ty finoa kelenareo. Te ataliliko marene aminareo, laha mana finoa na le kele manahake ty voatsinampe
nareo, le afake mitsar amy toy vohitse toy nareo tihoe: 'Mifindrà bak'etoa ho etia,' le hifindra zay vaho tsy hisy na
ino na ino tsy ho hainareo atao. [21][fagnamariha: Ty dikan-teny taolo soa loatse le tsy ahisaha ty tihoe v. 21 . "Te toy
karaza demony toy le tsy miboake laha tsy miarake amy ty vavake naho fifadian-kane."][22]Laha nitoboke tagne
Galilia iareo, le nanao tihoe Jesosy tamy reo mpianane: "TY Anagn'Ondaty le homea eo an-tagna ty ndaty, [23]vaho
iareo hamono Aze, vaho ty andro fahatelo le hatsanga Re." Lasa nalahelo tanterake reoi mpianatse.[24]Lafa avy
tagne Kaperinaomy iareo, le nandeha amy ndre Petera reo lehil;ahy ze namore ty haba atsasake ty sekele vaho
nitsara tihoe: "Tsy mandoa ty haba atsasake ty sekele vao ty mpampianatsinareo?" [25]Nanao tihoe re: "Eka." Te
laha nizilike tao an-tragno Petera, le Jesosy aloha ro nirehake tamine le nanao tihoe: "Ino ro dinehinao, ry
Simona? Reo mpanjaka etoy an-tane, bak'amy ia ro andrambesa iareo haba na habagn'ondaty? Bak'amy reo
vahoakine vao sa bak'amireo mbahine?"[26]Lafa nitsara Petera tihoe: "Bak'amy reo mbahine," le nanao tihoe Jesosy
tamine: "Le afake amy ty fandoava zay reo vahoake. [27]Te soa tsy hahampanotantika ty mpitake haba, le
mandehana agne amy ty ranomasy, manoraha fita ao, vaho alao ty fia ze miakatse voalohane, lafa voasokatsao ty
vavane, le hahisake sekele riha, alao zane vaho ameo reo mpitake haba ho Ahike naho ho anao."

Chapter 18

[1]Tamy zay andro zay avao le avy teo amy ndre Jesosy reo mpianane vaho nitsara tihoe: "Ia ro bey agne amy ty
fanjaka ty lagnitse?" [2]Jesosy nikaike ajaja kele ho eo amine. nampitoboke aze teo amy iareo, [3]Vaho nitsara tihoe: "
ataliliko marine aminareo, te laha tsy miova manahake reo ajaja kele nareo. le tsy hisy hevitse ty hizilihanareo
agne amy ty fanajaka ty lagnitse.[4]Noho zay, na ia na ia magnambane vata manahake toy ajaja kele toy le bey
loatse ze agne amy ty fanjaka ty lagnitse. [5]na ia na ia mandrabe Ahike. [6]Te na ia na ia mahaave ty raeke amy reto
ajaja kele reto ze mino Ahike hanao rate, le ho soa vatane ho aze ty hagnatogna ty famofoham-bare befoloay eo
amy ty vozone, le halentike agne amy ranomasy lalike re.[7]Loza ho ahy zao tontolo zao noho ty fotoa ty
fanafintohigna! Te mpaiave ty ahaave zay andro zay, feie loza ho ahy ty ndaty niavia zay fotoa zay! [8]Laha
miterake fahalavoa ho anao ty tagnanao na ty tombonao, le tapaho zay vaho afaho eo aminao. Soa ho anao ty
mizilike sembana na maleme agne amy ty fiaigna zisikam-parane noho ty ho rombake agne amy ty afo tsy mete
mate amy ty fanagna tagna roe na tomboke roe.[9]Laha miterake fanafintohigna ho anao ty masonao raeke,
homboto zay vaho afaho eo aminao, Soa ho anao ty mizilike agne amy ty fiaigna zisikam-parane miarake amy ty
maso raeke noho ty tihoe rombane agne amy ty afo tsy mete maty miarake amy ty maso roe.[10]Tandremo tsy
hanao tsy dikane reo ajaja malineke reo nareo. Te mitalily aminareo Raho te agne an-dagnitse reo anjeline le
mivamba avao ty tarehe ty Babako ze agne an-dagnitse. [11][Fagnamariha: Ty dikan-tene taloha soa loatse le tsy
ahisaha ty fehezantene ze mimboake ty v. 11. tihoe: "Te ty Anagn'Ondaty le avy soa hanorombane ze vere."][12]Ino
ro eritseritsareo? Laha misy mana aondry zato, le mandeha amy ty lala-diso ty raeke amy iareo, le tsy handao ty
sivam-polo sivy ambe eo amy ty havoa vao re vaho andeha hipay iaze raeke ze nandeha agne amy ty lalan-diso?
[13]Laha hisane zane, le ataliliko marene aminareo, te mifale amy zay mihoatse noho reo sivam-polo sivy ambe ze
tsy nandeha amy ty lalan-diso re. [14]Manahake zay avao kea, tsy tea ty Babanreo agne an-dagnitse ty hahavere ty
raeke amy reo malinike reo.[15]Laha manao rate aminao ty rahalahinao, mandehana vaho talilio aze ty hadisoane,
aminao naho re raeke avao. Laha mijanje anao re, le hifankahazo ammy ty rahalahinao ndraike riha. [16]Nefa laha
tsy mijanje anao re, le mangalà raeke na roe hafa miarake aminao, amy zeay soa amy ty vavany reo vavolombelo
roe na telo ro ahazahoa magnamarine ty tsara iaby.[17]Vaho laha mandà ty hijanje aiereo reke, le talilio amy ty
fiangona ty zaka-miseho. Laha tsy magnina hijane ty fiangona avao kea re, le ampoho re hanahake ty jentilisa
naho ty mpitake haba.[18]Atalilik mare aminareo, na ino na ino fehezinareo etoy an-tane le ho feheze agne an-
dagnitse; vaho na ino na ino avelanareo etoy an-tane le ho voavela agne an-dagnitse. [19]Le mboe atalililiko
aminareo ndraike tihoe: "Laha misy roe aminareo magnina etoy an-tane ty amy ze iaby angataha iareo, le ho atao
ho aiereo zay amy ty alala ty babako ze agne an-dagnitse. [20]Te na aia misy roe na telo mirake mivore amy ty
Agnarako, le eo ampagnivoa iareo eo Raho."[21]Bak'eo namonje Petera vaho nitsara tamy ndre Jesosy tihoe: "Tompo,
impiry hanao rate amiko ty rahalahiko le hamela aze raho? Hatramy ty im-pito vao? [22]Jesosy nitsara aze tihoe:
"Tsy mitsara aminao Raho tihoe im-pito, te hatramy ty fitopolo im-pito[23]Noho zay ty fanjaka try lagnitse le
manahake amy ty mpanjaka raeke ze te hifandame ara-bola miarake amy reo mpiasane. [24]Laha vao nanomboke
ty fandamina re, le nisy mpiasa raeke nandese teo amine ze nana talenra raeke. [25]Nefa satria tsy nana fomba
handoava zane re, le nandily ty hamarota aze ty tompoe, miarake amy ty valine naho reo anane vaho ze
hanagnane iaby, le ho vita ty fandoavan-trosa.[26]Noho zay le niondrike iaze mpiasaa, vaho nihohoke teo
agnoloane, vaho nitsara tihoe: "Tompo manàgna fahareta amiko, le haloako aminao ty raraha iaby.' [27]Noho zay ty
tompo zay mpiasa zay , le nahaferegnay, le nagnafake aze vaho namela ty trosa tamine.[28]Te niboake io mpiasa io
le nahisake ty raeke tamy reo mpiara-miasa amine, ze nanagnane dinaria zato. Nisamborine re, nirambesine
tamy tendane, vaho nirehake tihoe: 'Aloavo amiko ze nitrosanao.' [29]Nefa niondrike io mpiara-misa amine io vaho
nasoloho tamine, nanao tihoe: 'Manàgna fahareta amiko, le haloako amina ndraike.'[30]Nefa nandà iaze mpisa
voalohane. MIfanohitse amy zay, nandeha re vaho nataone tagne am-pigadra iaze mpiara-miasa amine zisike
handoavane amine ze nitrosaine. [31]Lafa nahisake ze niseho reo mpiara-miasa amine, le nalahelo vatane iareo.
Nandeha vaho nitalily tamy ty tompone ze iabe niseho iareo.[32]Bak'eo nikaike aze ty tompo io mpiasa io, vaho
nitsara aaze tihoe: 'Iriha ry mpiasa rate fagnahe, namela ty trosa iaby taminao raho satria iriha nisoloho tamiko.
[33]Tsy tokone hana famindram-po amy ty mpiara-miasa aminao vao iriha, manahake ty nanagnako famindram-po
tamminao?'[34]Meloke ty tompone vaho nanday aze tagne amy reo mpampijale zisike handovane ze iaby nitrozane.
[35]Manahake zay avao kea ro hatao ty babako agne an-dagnitse aminareo, laha tsy mamela ty rahalinareo amy ty
aforone ty tsikiraikiraike iaby aminareo."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 19

[1]Vaho lafa nahavita reo tsara reo Jesosy, niala tagne Galilia Re, vaho nandeha agne amy ty faritse ndre Jodia ze
tane andaffy ty vavarano ty Jordana. [2]Vahoake maro ro nagnarake Aze, le nagnafake aiereo tagne Reke.[3]Namonje
Aze reo fariseo, nitsapa AZe nitsara tamine tihoe: "Ara-dalagna ho ahy ty lehilahy vaho ty misarake amy ty valine
noho ze mete ho antone iaby?" [4]Jesosy namale vaho nitsara tihoe: "Tsy nivakinareo vao te Reke ze nanao aiereo
tamy ty voalohane le nanao aiereo ho lahy naho vave?[5]Reke ze nanao aiereo le nitsara avao kea tihoe: 'Te noho
zay antone zay le hagnenga ty babane naho renene ty lehilahy le hiharo amy ty valine, vaho ho lasa nofotse raeke
iareo roe?' [6]Le tsy ho roe sase iareo, te ho nofotse raeke. Le ze naharo ty Andragnahare, lonike tsy hisy
hagnasarake."[7]Nanao tihoe iarei tamine: "Nanao akore zane MOsesy ro mandily anay hagnome taratase
fagnamarignam-pisaraha vaho bak'eo hampole aze?" [8]Nanao tihoe Re tamy reo: "Te ty hamafe ty aforonareo ro
nampimpoha ndre Mosesy anareo hisarake amy ty valinareo, te tamy ty voalohane le tsy zay ro fomba. [9]Ataliliko
anareo na ia na ia misarake amy ty valine, afa-tsy noho ty fandratova, le manambale hafa, le fagnitsaha-bale;
vaho ty lehilahy manambale ampela ze fa nisara-bale le mijangajanga."[10]Reo mpianatse nitsara tamy ndre Jesosy
tihoe: "Laha zay ro toetse ty lehilahy amy ty valine, le tsy zoa ty manambale." [11]Te jeosy nitsara tam7y reo tohoe:
"Tsy ty ndaty iaby ro afake magnina zay fampianara zay, te reo ze napoke hagnine zay avao. [12]Te misy reo inoke
ze fa manahaky zay hatragne an-kibondreny iareo, vaho misy reo ionoke ze manao ty vata iareo ho ionoke noho
ty fanjaka ty lagnitse. Re ze afake mandrambe zay fampianara zay, lonike re handrambe zane."[13]bak'eo nisy ajaja
malinike sasantsane nandesy teo amine soa hametrahane tagna amy iareo le hivavake, nitsara mafe aiereo reo
mpianatse. [14]Te nanao tihoe Jesosy: 'Apoho ty ajaja malinike, vaho ko rarà iareo hamonje Ahike, satria ty fanjaka
ty lagnitse le ahy ty manahak'iareo." [15]Nampone teo amy reo ajaja ty tagnane, vaho bak'eo niala teo Re.[16]Ingo, nisy
lehilahy namoje andre Jesosy vaho nitsara tihoe: "Mpampiantse, Ino ro raraha soa tsy maintse anoeko soa
hahazahoako ty fiaigna zisikam-parane?" [17]Jeosy nitsara tamine tihoe: "Nanao akore riha ro magnontane
mikasike ze soa atoy amiko? Raeke avao ro soa, te laha te-hizilike agne amy ty fiaigna riha, le tao reo lily."[18]Nanao
tihoe iaze lehilahy tamine: "Lily ino? Le nanao tihoe Jesosy: "Ko mamono nday, ko mijangajanga, ko mangalatse,
ko mete vavolombelo diso, [19]iasio ty babanao naho ty renegnao, vaho teavo ty tana raeke aminao manahake ty
vatanao."[20]Iaze mpamarake nitsara tamine tihoe: "Fa nataoko iaby zay iaby zay. Ino ro mboe mpaiaviko?" [21]Jesosy
nitsara tamine tihoe: "Laha magniry ty ho avy lafatse iriha, le mandena, amilio ze anagnanao, vaho omeo ty
mahantra, le hana harena gne an-dagnitse iriha; vaho avia, ,magnaraha Ahike." [22]Te lafa naheno ze nitalily ndre
Jesosy iaze ,pamarake, le niala tamy ty alahelo re, satria nana fanagna lahiale.[23]Nanao tihoe Jesosy tamy reo
mpianatse: "Ataliliko marene aminareo, sarotse ho ahy ty mpagnarivo ty hizilike ty fanjaka ty lagnitse. [24]Vaho
mboe talilieko marene ndraike, mmora vatane ho ahy ty kofehe ty mizilike amy ty volim-panjaitse noho ty iliha ty
magnarivo ao amy ty fanjaka ty Andragnahare."[25]Lafa naheno zay reo mpianatse, le vatane vere le nitsara tihoe:
"Ia vaho zay ro afake ho sarombahy?" [26]Nivamba aiereo Jsosy vaho nitsara tihoe: "Amy ty ndaty le tsy hay atao
zay, te amy ty ty Andragnahare ty raraha iaby le azo atao." [27]Bak'eo Petera namale vaho nitsara tihoe: "Ingo,
naponay ty raraha iaby vaho nagnarake Anao zahay. Ino ty ho azonay?"[28]Jesosy nitsara aiereo tihoe: "Ataliliko
marene aminareo, amy ty vanem-potoa vaovao lafa mitoboke eo amy ty seza fitoboha ty hasine ty Anagn'Ondaty,
le hitoboke eo amy ty sez fiankina folo roa ambe avao kea nareo ze nagnarake Ahike, hitsara reo foko folo roa
ambe ty Israely.[29]Ty ndaty iaby ze nagnenga tragno, rahalahy, rahavavy, baba, rene, anake, na tane nho ty
agnarako, le handrambe mihoatse zato vaho handova fiaigna zisikam-parane. [30]Te maro reo voalohane ho lasa
farane, vaho ty farane ho voalohane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 20

[1]Te ty fanjaka ty lagnitse le manahake ty tompon-tane ze nandeha mbo maraindray bey hagnakarama mpiasa ho
ahy ty tanem-boalobone. [2]Lafa baka nifagnarake tamy reo mpiasa re te ho denaria raike san'andro ty karama
iareo, le nalefane tagne amy ty tanem-boalobone iareo.[3]Niboake ndraike re tamy ty ora fahatelo vaho nahisake
mpiasa hafa nitsangatsanga tao an-tsena. [4]Nanao tihoe re tamy iareo: 'Nareo kea, mandena agne amy ty tanem-
boaloboke, vaho ze an-kevene to le omeiko anareo.' Le nandeha niasa iareo.[5]Mboe niboake ndraike re teo ho eo
amy ty lera faha ene vaho kea tamy ty lera fahasive, vaho nanao manahake zay avao. [6]tamy ty lera faharaeke
amby ty folo le niboake ndraike mandeha kea re vaho nahisake mpiasa hafa nitsangatsanga. Nanao tihoe re tamy
iareo: 'Nanao akore nareo ro mitsanga eto agnate ty tontolo andro?' [7]Nanao tihoe iareo tamine: 'Tsy misy ndaty
magnakarama zahay.' Nanao tihoe re tamy iareo: 'Nareo avao kea mandena agne amy ty tanem-boaloboke.'[8]Lafa
avy ty hariva, le nitsara tamy ty mpiamby ty rarahanw ty tompo iaze tanem-boaloboke tihoe: 'Kaiho reo mpiasa
vaho haloavo ty karama iareo, manomboke bak'agne amy ty farane mandeha agne amy ty voalohane.' [9]Lafa avy
reo mpiasa ze nala tamy ty lera faharaik'amby ty folo, le nahazo denaria raike tsikiraekiraeke iaby iareo. [10]Lafa
avy reo mpiasa voalohane, le nihevitse te ahazo mihoatse iareo, nefa iareo avai le nahazo denaroa raeke
tsikiraekiraeke iaby.[11]Lafa nahavoaray ty karamane iareo, le nitaray mikasike iaze tompon-tane iareo. [12]Nanao
tihoe iareo: 'Reo mpiasa farane reo le niasa lera raike avao, feie le nampitozinao taminay iareo, zahay ze niaritse
ty vesa ty tontolo andro naho niharitse hafana ty andro.'[13]Te namale iaze tompon-tane le nitsara tamy ty raeke
tamy iareo tihoe: 'Ry namako, tsy manao ze tsy mete aminao raho. Tsy denaria raeke vao to nifagnarahanao
tamiko? [14]Rambeso ze anao vaho hitio ty lalanao. Raho le nifily ty hagnome ho ahy reo mpiasa nikarama farane
manahake ty anao avao.[15]Tsy manan-jo hanao arake ze teako amy ze ahike vao raho? Sa mialo vao nareo satria
malala-tagna raho?' [16]Le ty farane le ho voalohane, vaho ty voalohane ho farane." [Fagnamariha: Ty dikan-teny
taolo soa loatse le mangalaky ty tihoe: "Lahialy ro kinaike te vitsy ty voafile."[17]Laha handeha ho agne Jerosalema
Jesosy, le nangalake reo folo roa ambe teo agnilane Re, vaho tegne an-dalagna Re nitsara tamy iareo tihoe: "
[18]Ingo, hiakatse ho agne Jerosalema tika, vaho ty Anak'Ondaty le hamea eo amy ty loha ty mpisoro naho reo
mpanora-dalàgna. Iareo le hagnameloke Aze ho fatse [19]vaho homea Aze amy reo Jentilisa soa hiheheza ho fofohy,
vaho hamatsiha Aze amy ty hazofijalea. Te amy ty andro fahatelo le hatsanga ndraeke Re."[20]Bak'eo ty reniny reo
anandahy ndre Zebedio namonje ahy ndre Jesosy niarake tamy reo anandahine. Niankohoke teo agnatrehane
iareo nangatake raraha bak'amine. [21]Nanao tihoe Jesosy tamine: "Ino ro irinao?" Nanao tihoe re tamine: "Mandilia
soa hitoboha reto anandahiko roe reto, ty raeke eo an-tagnanao ankavana vaho ty raeke eo an-tagnanao an-kavia,
ao amy ty fanjakanao."[22]Te Jesosy namale vaho nitsara tihoe: "Tsy hainareo ty raraha angatahinareo. Afake ty
hino kapoake ze hinome vao nareo?" Namale iareo tihoe: "Afake zahay." [23]Nanao tihoe Reke tamy iareo: "Hino ty
kapoakako vatane nareo. Te ty hitobke eo an-tagnako ankavanako naho ankaviako le tsy anjarako ro magnome,
te ahy reo ze fa niomany ty Babako." [24]Lafa naheno zay rei mpianatse folo lahy hafa, le meloke mafe tamy reo
mpirahalhy roe[25]Te Jesosy nikaike aiereo handeha eo amine vaho nitsara tihoe: "Hainareo te reo mpanakae reo
Jentilisa le hanery aiereo, vaho reo lehilahy manan-danja iareo le hampiasa ty fahefane eo amy iareo. [26]Te tsy
tokone hanahake zay ty aminareo. Mifanohitse amy zay, na ia na ia magniry ty ho lasa bey aminareo le tsy
maintse ho mpiasanareo, [27]vaho na ia na ia magniry ty ho voalohane eo aminareo ltsy maintse ho mpiasanareo,
[28]manahake ty Anagn'Ondaty tsy avy ho tompoe, fa hanompo, vaho hagnome ty fiaine soa ho vilim-pagnavota ho
ahy ty maro."[29]Laha niboake bak'agne Jeriko iareo, lew vahoake lahiale ro nagnarake Aze. [30]NIsy lihilahy goa roe
nitoboke teo amy sisin-dala. Lafa naheno te nandalo Jesosy, le nikoke mafe iareo tihoe: "Tompo, ana ndre Davida,
mamindrà arofo aminay." [31]Nasiaky aiereo ty vahoake, nitsara aiereo soa hitsy, nefa vao mainke iareo nikaikaike
mafe tihoe: "Tompo, ana ndre Davida, mamindrà arofo aminay."[32]Bak'eo Jeosy nijano vaho nikaike aiereo sade
nitsara tihoe: "Ino ro irinareo ho ataoko aminareo?" [33]Nanao tihoe iareo tamine: "Tompo, hahisaha ty masonay."
[34]Bak'eo Jesosy, nahafegnay, le nitsapa ty maso iareo. Avy le nahiratse iareo vaho nagnarake Aze.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 21

1Laha namonje andre Jerosalema Jesosy naho ty mpianane le nandeha ao Betifaga, agne amboe vohitse ndre
Oliva, le nandefa mpianatse roe Jesosy, 2nitalily tamy iareo tihoe: "Manena ao amy ze vohitse magnarake ao, te eo
noho eo nareo le hahisake borike mirohy vaho ana ty borike raeke miarake amine. Vahao iareo vaho handeso
atoy amiko. 3Laha misy mitsara anareo mikasike zay, le talilio tihoe: 'Misy impaiava ty Tompo aireo,' vaho eo
noho eo zay ndaty le handefa aziereo miarake aminareo."4Vaho niseho zay soa hahatanterake ze natalily tamy ty
alala ty mpitokine. Nanao tihoe Reeke: 5"Atalilio ty anak'ampela ndre Ziona tihoe: "Ingo, ty Mpanjakanao
mamonje anao, Miambane vata vaho mijo borike- ana-borike lahy.""6Bak'eo le lasa reo mpianatse vaho nanao
arake ze nandilia ndre Jesosy aiereo. 7Nandesy iareo iaze ampondra naho iaze ana-borike vaho nampimpoke ty
lamba iareo teo amine, le nitoboke teo amy iaze lamba Jesosy. 8Ty ankamaroa ty vahoake le namelatse ty
lamabane tamy ty tane, vaho reo hafa nanapake ratsan-ketae vaho nanaparitake zay tamy ty lala.9bak'eo reo
vahoake niaolo ahy ndre Jesosy naho reo ze nagnarake aze nikorakorake tihoe: "Hosana ho ahy ty ana ndre
Davida! Isaora iaze avy bak'amy ty agnara ty Tompo, Hosana agne amy ty ambone loatse!" 10Lafa nizilike ty raeke
tanà le nanao tihoe: "Ia moa io?" 11Ty vahoake namale tihoe: "Reke ro Jesosy iazy mpitoke bak'agne Nazareta agne
Galilia."12Bak'eo nizilke tao an-tempoly Jesosy niroahine iaby reo mpivile naho mpivarotyse tao an-tempoly, vaho
navalikine ty latabatsy reo mpanakalo vola naho ty fitoboha reo mpivarotse voromahilala. 13Nanao tihoe Re tamy
iareo: "Fa voasoratse tihoe: 'Ty tragnoko le ho kaihy tihoe tagno fivavaha,' nefa ataoanareo trano fitsioha ty ndaty
rate." 14Lafa bak'eo le nisy goa naho maleme namonje Aze tao an-tempole, le nafahane iareo.15Te lafa nahisake ty
raraha mahavere nanoane ty bey ty mpisoro naho ty mpanora-dalagna, vaho lafa heno iareo ty ajaja malinike
nikorakorake tao an-tempoly tihoe: "Hosana ho ahy ty ana ndre Davida," le meloke mafe iareo. 16Nanao tihoe
iareo tamine: "henonareo vao zay talily reo ndaty reo?" Namale aiereo Jesosy tihoe: "Eka! te tsy mboe
nivakinareo vao ty tihoe: "Bak'amy ty vava ty ajaja malinikenaho ajaja minono ro nampahitianareo ty fiantsa?"
17Bak'eo nagnenga aiereo Jesosy le nadeha tagne amy ty tanà ndre Betania vaho nitoboke tao ty halike.18Vaho lafa
maraindray laha nimpoly tyagne an-tanà Re, le kere. 19Nahisake hetae aviave tegne an-tsisin-dala, le namonje
tegne Re vaho tsy nahisake na ino na ino teo ankoatsy ty ravine. Nanao tihoe re tamine: "Lonike tsy hisy voa sase
bak'amina zisikam-parane," vaho niarake tamy zay le maike iaze aviave.20Lafa nahisake zay reo mpianatse, le
vere iareo vaho nitsara tihoe: "Nanao akore ro nahalasa nahamaike toy aviave toy?" 21Namale Jesosy vaho nitalily
aiareo tihoe: "Atalilíko marene aminareo, laha manam-pinoa naho tsy misy fisalasala nareo le tsy ze natao tamy
io aviave io avao to hataonareo, te na le hitsara amy toy vohitse toy kea tihoe: 'miombota vaho mitotà agne an-
dranomasy.' le ho atao zay. 22Na ino na ino angatahinareo am-bavake, am-pinoa le ho azonareo."23 Lafa nizilike tao
an-tempoly Jesosy, le namonje aze Azwe ty bey ty mpisoro naho ty ndaty bey laha nampianatsy Re vaho nitsara
tihoe: "Fahefa bak'aia moa ro anaovanao regny raraha regny, vaho ia ro nagnome anao zay fahefa zay?" 24Namale
Jesosy vaho nitsara tamy iareo tihoe: "Hametrahako fagnontanea raeke avao kea nareo. Laha talilienareo amiko,
le hatalilíko aminareo ty fahefa anaovako regny raraha regny.25Ty batisa ndre Jaona- baka aia ro niaviane?
Bak'agne an-dagnitsy sa bak'amy ty ondaty?" Nialy hevitse iareo, nanao tihoe: "laha mitsara tike tihoe, 'bak'agne
an-dagnitse,' Reke hitsara amaintika tihoe: 'Te nanao akore zane nareo ro tsy nino aze? 26Te laha mitsara tika
tihoe: Bak'amy ty ondaty,' matahotse ty vahoake tike, satria iareo iaby le mihevitse andre Jaona manahake ty
mpitoke." Le namale ahy ndre Jesosy iareo le nitsara tihoe: "Tsy hainay." 27 Vaho nanao tihoe Reke Tamy iareo:
"Raho avao kea le tsy hitalily aminareo tihoe bak'aia ty fahefa anaovako regny raraha regny.28Nanao akore ty
hivitsaraeo? Nisys lehilhay raeke nana anandahy roe. Nandeha agne amy iaze vaolohane re vaho nanao tihoe:
'Anake, mandenà miasa agne amy ty tanem-boaloboke androane.' 29 Iaze anandahine namale aze tihoe: "Tsy ho
agne raho," Te avy eo niova hevitsy re le nandeha. 30Bak'eo le nandeha amy iaze faharoe re vaho nitsara
manahake zay avao kea. Namale re le nitsara tihoe: Ho agne raho, tompoko,' feie tsy nandeha agne reke.31Ia tamy
reo anane roe reo ro nanao ty tea ty raene?" Vaho nanao tihoe iareo: "Iaze voalohane." Jesosy nitsara aiereo tihoe:
"Talilieko marene aminareo, reo mpitake haba naho reo makorele le hizilike ty Fanjaka ty Andragnahare
alohanareo. 32Te Jaona namone anareo tamy ty fahamarigna, te tsy nino aze nareo. Te reo mpitaky haba naho
makorele nino aze. Te nareo, na le nahisake zay kea, le tsy nibebake naho tsy nino aze.33Janjigno toy fagnohara
raeke hafa toy. Nisy lehilahy raeke, tompon-tane. Nanao tanem-boaloboke re, nofefene zay nandavahane
fananigna tao ampone, nampitsangane tilikampo, vaho nampagnofaine tamy reo mpambole voaloboke. Bak'eo le
nandeha agne amy ty tanà hafa reke. 34Lafa narinike ty taom-pahavokara, le nagnirake ty ialne tamy reo mpiasa
re ho agne amy reo mpambole voaloboke hangalake ty vokatse.35Te nisambory reo mpambole voaloboke reo
mpiasane, nifofohine ty raeke, nivonoane ty hafa, le mboe nitorahine vato ty hafa. 36Vaho mboe, nandefa
mpiasane hafa ndraeke iaze tompon-tane, lahiale noho ty tamy ty voalohane, te natao iareo manahake zay avao


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

kea. [37]Tafara zay, le nagnirake ty anandahine lahitoka tagne amy reo ty tompon-tane, nitalily tihoe: 'Hiasay ty anako iareo.'[38]Te lafa nbahisake iaze anandahine reo mpambole voaloboke, le nifampiresake iareo tihoe: 'Toy ro mpandova. Ndao ho vonoantika re vaho halantika ty lova.' [39]Noho zay le nisambory iareo re, natorake tao ampo ty tanem-boaloboke vaho nivonoa.[40]Vaho lafa avy ty tompo ty tanem-boaloboke, ino ro hataone amy reo mpambole voaloboke?" [41]Nanao tihoe iareo tamine: "Haravane amy zay fomba mafe loatse reo ndaty loza, vaho bak'eo hampagnofaine amy reo mpambole voaloboke hafa ty tanem-boaloboke, ndaty hagnome aze ty anjara voline amy ty fotoam-pahavokara."[42]Jesosy nitsara tamy iareo tihoe: "Tsy mboe namake ty soratse masy vao nareo tihoe: 'Ty vato nihalane ty mpagnore-tragno ro natao vato fototse. Bak'amy ty Tompo zay, mahavere eo amasontika'?[43]Noho zay atalilikо aminareo, hafaha aminareo ty fanjaka ty Andragnahare vaho hamea ty firenena ze mamokatse reo voane. [44]Na ia na ia ho lavo io vato io le ho potipotike. Te ze hitontane kea le ho torotoro."[45]Lafa naheno reo fagnaohare reo ty bey ty mpisoro naho reo Fariseo, le azo iareo te mikasike aiereo ro niresahane. [46]Nisaviry ty hisambotse aze, feie natahotse ty vahoake iareo, satria natao ty ndaty ho mpitoke Re.

Chapter 22

[1]Nitsara tamy ty fagnohara tamy iareo ndraeke Jesosy, nanao tihoe: [2]"Ty fanajaka ty Lagnitse le mitovy amy ty
mpanjaka ze nagnoma fagnambara amy ty fangalam-bale ho ahy ty anandahine. [3]Magnirake reo mpiasane
hikaike reo ze nahazo fagnambara hagnatrike ty lanonam-pangalam-bale re, te tsy nete ho ave iareo.[4]Nandef reo
mpiasane hafa ndraeke ty mpanjaka, manao tihoe: "Italilio reo ze nagnambara tihoe: "Jereo, fa nikarakarako ty
mahatajako. Fa nivonoako ty aombe naho ty anak'aombe mifahako, vaho fa vonogne ty raraha iaby. Miavia ao
amy ty havoriam-pangakam-bale."'[5]Feie tsy nidary iareo vaho lasa nandeha, ty raeke namonje ty toeram-
pihariane, ty hafa tamy ty raraham-borotsine. [6]Reo sasane nisambotse reo mpiasa ty mpanjaka, nanala nalatse
aiereo, vaho namono aiereo. [7]Neloky ty mpanjaka le nagnirake reo miaramilane, vaho namono mpamono ndaty
reo iareo,vaho nagnoro ty tanàne.[8]Bak'eo nitsara tamy reo mpiasane re tihoe: 'Fa vonogne ty fampakarambale, te
reo ze nagnamabara ro tsy maeva. [9]Noho zay mandena egne amy ty sampagnan-dalambey vaho magnambara
ndaty maro arake ze hisanareo ho ao amy ty havorim-pangalam-bale.' [10]Nandeha niboake tagne amy ty lalam-bey
reo mpiasa vaho nanambatse ty ndaty iaby ze hisa iaew, na ty soa na ty rate. Noho zay le feno mbahine iaze efi-
tragno bey nisy ty fangalam-bale.[11]Te lafa nizilike ty mpanjaka soa hivamba reo mbahine, le nahisake lehilahy tsy
nisiky akanjo fadesy amy ty fangalam-bale re. [12]Nitsara tamine ty mpanjaka tihoe: 'Ragnitse, nanao akore ro
izilihanao ato tsy miarake amy ty fisikina fandesy amy ty fangalam-bale?' Te tsy nahatsara iaze lehilahy.[13]Bak'eo
nitsara tamy reo mpiasane ty mpanjaka tihoe: "Arohizo ty tagna naho ty tombo toy lehilahy toy, vaho atoraho
agne amy ty maike agne ambalike re, agne ro misy fitomagnia naho rare-nife.' [14]Te ndaty maro nikinaike, feie kele
ro ho voafile.[15]Bak'eo nandeha reo fariseo vaho nagnoma ty fomba mete hamandriha ahy ndre Jesosy amy zay
nitsaraine. [16]Bak'eo nirahy iareo andeha Amine reo mpianatse iareo, niarake tamy reoi Herodiana. Nitsara tamy
ndre Jesosy iareo thoe: "Mpampianatse, hanay te marene Iriha, vaho mampianatse ty lalagna ty Andragnahare
amy ty marine. Tsy midary ty hevitsy ty hafa Riha, vaho tsy mivamba mivilake. [17]Noho zay talilio aminay, ino ty
hevegnao? Ara-dalàgna vao ty fandoavan-kaba agne amy ndre Kaisara sa tsia?"[18]Nefa azo ndre Jesosy ty faharatia
reo nitsara tihoe: "Nanao akore ro mitsapa Ahike nareo, ry mpiatsaravelatsihy? [19]Aseho Ahike ty vola amy ty
haba." Bak'eo nanday denaria teo amine iareo.[20]Nanao tihoe Jesosy tamy iareo tihoe: "An'ia toy sare naho agnara
toy?" [21]Nitsara tamine iareo tihoe: " Ahy ndre Kaisara." Bak'eo Jesosy nitsara aiereo tihoe: "Omeo ahy ndre Kaisara
sreo ze ahy ndre Kaisara, vaho ahy ty Andragnahare reo ze ahy ty Andragnahare." [22]Lafa naheno zay iareo, le
vere. vaho niala teo Amine iareo le nandeha.[23]Tamy zay andro zay avao ty Sadoseo ilane, reo ze nitalily te tsy
misy fitsangana amy ty maty, namone=je Azwe. Nagnontane aze iareo, [24]nanao tihoe: "Mpampianatse, Mosesy
nitsara tihoe: 'Laha maty ty ndaty, tsy mana anake, le tokone hanambale ty valine ty rahalahine vaho hanan-
janake ho ahy ty rahalahine[25]Nisy mpiralahy fito. Nanambale ty voalohane vaho mate bak'eo. Lasa tsy namela
anake, nampone ho ahy ty rahalahine ty valine. [26]Bak'eo nanao raraha mitovy amy zay ty faharoe, bak'eo ty
fahatelo, manahake zay avao zisik'amy iaze rahalahine fahafito. [27]Tafara zay le maty iaby iareo, le mate iaze
ampela. [28]Vaho amy ty fitsangana ty mate, ho valin'ia amy reo mpirahalahy fito re? Te fa nanambale aze iaby
iareo."[29]Te namale Jesisy vaho nitsara aiareo tihoe: "Diso nareo, satria tsy mahay ty Soratse Masy na ty here ty
Andragnahare. [30]Te amy ty fitsangana ty mate le sade tsy hanambale iareo ro tsy omena halà. Te kea, mitove amy
reo anjele agne an-dagnitse.[31]Te mikasike ty fitsangana ty mate, mboe tsy nivakinareo vao ze nitalily ty
Angragnahare taminareo, manao tihoe: [32]'Raho ro Andragnahare ndre Abrahama, Andragnahare Isaka, vaho
Andragnahare ndre Jakoba'? Andragnahare le tsy amdragnahare ty mate, fa ahy ty velo." [33]Laha nahare zay reo
vahoake, le vere tamy ty famoianarane.[34]Te lafa a heno reo Fariseo ty nampatsigna ndre Jesosy ty Sadoseo, le
niara-nikamba iareo. [35]Ty raeke tamy iareo, mpahay lalàgna, nametra-pagnontanea tamine, nangalake fagnahy
Aze tihoe: [36]"Mpampianatse ia ro bey loatse amy ty lily eo amy ty lalàgna?"[37]Nitsara tamine Jesosy tihoe: "Teavo
amy ty arofonareo iaby, amy tyt fagnahinareo iaby, vaho amy ty sainareo iaby ty Tompo Andragnaharenareo.'
[38]Zay ro lily bey naho voalohane.[39] Vaho ty lily faharoe le manahake zay avao: 'Teavo ty tana-raike aminareo
manahake ty vatanareo.' [40]May reo lily roe reo ro iankina ty lalàgna iaby naho reo mpitoke."[41]Vaho laha mboe
niara-nikamba reo Fariseo, le nametra-pagnontanea aiareo Jesosy. [42]nanao tihoe Re: "Ino ro sarifinareo mikasike
nadre Kristy? Anandahin'ia Reke?" Nitsara reo tihoe: "Anandahyndre Davida."[43]Nanao tihoe Jesosy tamy iareo:
"Nanao akore vaho Davida mitoboke ao amy ty Fagnahy ro mikaike Aze tihoe Tompo, manao tihoe: [44]'Ty tompo
nitsara tamy ty Tompoko tihoe: "Mitoboha eo amy ty tagna ankavanako, mandra-panaovako ty fahavalonao ho
fitobohan-tombonao?'[45]Laha Davida kea mikaike andre Kristy tihoe: 'Tompo,' Le nanao akore ro maha-ana ndre
Davida Aze?" [46]Tsy nisy nahavale AZe tamy ty tsara, vaho tsy nidy ndaty nahasake nametra-pagnontanea hafa
sase nanomboke tamy zay andro zay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 23

[1]Vaho Nitsara tamy reo vahoakew naho reo mpianane. [2]Nanao tihoe Re: "Reo mpanora-dalagna naho fariseo le
mitoboke eo amy ty fitoboha ndre MOsesy.' [3]Noho zay na ino na ino handilia iareo anareo hanoe, le ataovo regny
raraha regny le mitoa aireo. Te ko tahafe ty asa iareo, satria iareo le mitsara raraha feie bak'eo tsy mamboatse
zay.[4]Eka, fatora iareo ty enta-mavesatse ze sarotse andese, vaho bak'eo le ampo iareo eo amy ty soro ty ndaty. Te
tsy hagnetsike ty rambon-tagna raeke akore ty vata iareo soa handay aiereo. [5]Manao ty asane iabt aireo soa ho
hisa ty ndaty. Te atao iareo malalake ty filakiterane, vaho tohiza iareo ty sisin'akanjone.[6]Tea iareo ty toera ty
manan-kase agne amy ty fagnasa naho ty toera ty bey ao amy ty synagoga, [7]naho ty fiarahaba miavake egne an-
tsena, vaho soa ho kaihy ty ndaty tihoe: 'Raby'.[8]Te nareo tsy azo kaihe tihoe: 'Raby', te rake avao ty
mpampianatsinareo vaho mpirahalahy nareo iaby. [9]Vaho ko mikaike ty ndaty etoy an-tane tihoe babanareo, te
raike avao ty Babanareo, vaho Reke le agne an-dagnitse. [10]Nareo ko mete kaihy tihoe: 'Mpampianatse', te rake
avao ty mpampianatsinareo, le re Kristy.[11]Te ze bey loatse aminareo ro ho mpiasanareo. [12]Na ia na ia
magnambone tegna le ambane, vaho na ia na ia magnambane tegna le hasondrotse.[13]Te lozanareo, mpanora-
dalagna naho fariseo, mpihatsaravelatsihy! Te ahilinareo amy ty ndaty ty fanjaka ty lagnitse. Te nareo tsy
mampizilike ty vatanareo, vaho tsy amponareo reo ze mipay hizilike. [14][Fagnamariha: ty kombognan-taratasy
taolo le tsy ahisaha ty fehezantene tihoe: 'Te lonareo mpanoran-dalàgna naho ty fariseo, mpihatsaravelatsuhy! Te
mandane ty tragno ty vantotse, vaho manao vavaka lava nareo. Noho zay le hahazo fagnameloha bey nareo.']
[15]Lozanareo mpanoran-dalàgna naho fariseo, mpihatsaravelatihy! Te mandeha magnorike ty ranomasy naho ty
tane nareo soa hampiova arofo ty ndaty raeke, vaho lafa miova re, le ataonareo ty ana ty helo ambo roe mihoatse
noho nareo re.[16]Lozanareo, ry mpitarike goa, nareo ze mitalily tihoe: Na ia na ia mifanta amy ty tempoly, le tsy
misy dikane zay. Te na ia na ia mifanta amy ty volamena ty tempoly, le vaorohy ty fifantane re.' [17]Nareo goa adala!
Ia ro bey vatane, ty volamena sa ty tempoly ze manao ty volamena ho masy?[18]Vaho, 'Na ia na ia mifanta amy ty
alitara, le tsy misy dikane zay. Te na ia na ia mifanta amy ty fagnatitse ze ao ambone zay, le voarohy ty fifantane
re.' [19]Nareo ndaty goa! ia ro bey vatane, ty fagnatiste sa ty alitara ze manao ty fagnatitse ho masy?[20]Noho zay, ze
mifanta amy ty alitara, le mifanta amy zay naho amy ty raraha iaby eo ambonine. [21]Ty raeke ze mifantaamy ty
tempoly, le mifanta amy zay naho amy ze mitoboke ao amine, [22]vaho raike ze mifanta amy lagnitse, le mifanta
amy ty seza fiankina ty Andragnahare naho amine ze mitoboke eo ambone zay.[23]Lozanareo, ry mpanora-dalàgna
naho fariseo, mpihatsaravekatsihy! Te mandoa ty fahafolo ty solila naho aneta vaho komina nareo, te nareo le tsy
nagnina ty raraha mavesa-danja loatse amy ty lalàgna le ty hitine naho ty famindragn'arofo vaho ty finoa. Te reo
ro tokone nataonareo vaho tsy tokone naponareo ho tsy vita ty raeke hafa. [24]Nareo ty mpitarike goa, nareo ze
maniva ty lalitse nefa mitele rameva![25]Loza ho anareo, mpanora-dalàgna naho fariseo, mpihatsaravelatsihy! Te
sasanareo ty amabaliky ty kapoake naho ty finga, nefa ty ao agnatine le feno fagniria naho fila. [26]Nareo fariseo
goa! Sasao aloha ty alo ampo ty kapoake naho ty finga soa ho lasa malio avao kea ty ambalikine.[27]Loza ho anareo,
ry mpanora-dalàgna naho fariseo, mpiahatsaravelatsihy! Te nareo le manahake ty valavato voalalotse foty; ze soa
ambalike, te ty ao ampone kea le feno ty taolampate naho ty loto iaby. [28]Manahake zay avao kea, etoy ambalikine
nareo miseho ho marene eo amy ty ndaty, nefa aoa amponareo le feno fihatsaram-belatsihy naho heloke.[29]Loza
ho anareo, mpanora-dalàgna naho fariseo, mpihatsaravelatihy! Te magnory ty valavota ty mpitoke nareo vaho
mampimpoze ty valavoto ty ndaty to. [30]Nanao tihoe nareo: 'Laha niay tamy ty andro ty razambeitika tika, le tsy ho
nandrambe anjara niarake tamy iareo tamy ty fandatsaha ty lio ty mpitoky tika'. [31]NOho zay le mitsanga
vavolombelo amy ty vatanareo nareo te anagny reo ze namono ty mpitoke[32]Nareo avao kea le nahafeno ty
faharatiagny reo razambeinareo. [33]Nareo bibilava, nareo taranake ty menara, nanao akore ro hilaisanareo ty
fagnameloha ho agny amy ty helo?[34]Noho zay, ingo, magnirake mpitoke naho ndaty matotse vaho mpanora-
dalàgna ho anareo Raho. Ty ilane amy iareo le ho vonoanareo naho fatsihinarei; vaho ty ilane ho fofohinareo ao
amy ty synagoganareo vaho handroake aze hiala ao na-tanà. [35]ty vokatsy zay le hagnozo anareo ty lio marene
iaby ze napoke teto an-tane, nanomboke tamy ty lio ndre Abela marene, le hatramy ty lio ndre Zakaria ana ndre
Barakia, ze nivonoanareo teo agnelagnela ty fitoera masy naho Alitara. [36]Ataliliko marene aminareo, te ty raraha
iaby le ho avy amy toy taranake toy.[37]Jerosalema, Jerosalema, rihoa ze mamono ty mpitoke naho mitorake vato ze
irahy ho aminao! Impiry Raho ro magniry ty hamory anagnao miarake, manahake ty akoho vave raike mamory
ty akoho kele ao ambane elane, nefa tsy nete nareo! [38]Ingo, ty tragnonareo ro ampoke ty hisy ho anaoreo. [39]Te
ataliliko aminareo, hatramy zao tsy hahisake Ahike vatane nareo zisikim-pitalilinareo tihoe: 'Isaora vatane ze
bak'amy ty agnara ty Tompo.'"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 24

[1]Niboake ty tempoly Jesosy vaho lasa nandeha, namonje Aze reo mpianane soa hatoro Aze ty rafitsy ty tempole.
[2]Feie namale Re vaho nitsara tamy iareo tihoe: "Tsy hisanareo vao reo raraha iaby reo? Talilieko aminareo, tsy
vato ho tavela amy ty raeke hafa ze tsy haravà[3]Laha nitoboke teo ambone vohits'Oliva Reke, le namonje Aze
mangingike reo mpianane vaho nitsara tihoe: "Talilo anay, ombia reo raraha iaby reo ro hiseho? Ino ro
famantara ty fiavianao naho ty fara-andro?" [4]Namale Jesosy vaho nitsara aiereo tihoe: "Mitao soa tsy hisy
hamitake anareo." [5]Te ho lahiale ty ho avy amy ty agnarako. Vaho hitsara iareo tihoe: 'Raho ro Kristy,' vaho
lahiale ro ho voafitake.[6]Hahare aly naho talily aly nareo. mitao soa tsy hitebiteby nareo, te tsy maintse hiseho zay
raraha iaby zay; nefa tsy mboe avy ty farane. [7]Te hisy firenena hitsanga hanohitse firenena vaho fanjaka
hanohitse fanjaka. Hisy kere naho horohoron-tane amy ty toera samihafa. [8]Nefa zay raraha iaby zay le fiandoha
ty fanaintay ty fiteraha avao.[9]Le hamea iareo ho amy ty fahoria nareo vaho ho vonoane. Ho heje ty firenena iaby
nareo noho ty agnarako. [10]Vaho maro ty ho lavo, vaho hifamalike naho hifankahala ty tsikiraikiraeke. [11]Mpitoke
sandoke lahiale ro hitsanga le hamitake ndaty maro.[12]Satria ty faharatea le hitombo, vaho hihanitsy ty fitiava ty
maro. [13]Te iaze raeke ze miharitse hatramy ty farane le ho voavonje. [14]Toy filantsara ty fanjaka toy le ho hatalily
feno zao tontolo zao ho vavolombelo amy ty firenena iaby. Bak'eo le ho avy ty farane.[15]Noho zay, laha mahisake ty
fahavetaveta ty fandrava nareo zenitalily ndre Daniela mpitoke, le hitsanga eo amy ty toera Masy nareo" (lonike
ty mpamaky hahatakatse), [16]"Lonike reo ze agne Jodia hilay ho agny ambone vohitse, [17]lonike ze ambony ty tragno
tsy hizotso hangalake raraha bak'ao an-tragnone, [18]vaho lonike ze agne am-baibo tsy himpoly hangalake ty
lambane.[19]Te loza ho ahy reo bevohoka naho mampinono amy zay andro zay! [20]Mivavaha a soa tsy ho amy ty
ririny na amy ty Sabata ho hiseho ty filaisanreo. [21]Te hsy fahoria bey, ze tsy mboe nisy manahake zay nanomboke
am-piandoha zao tontolo zao zisik'amy henanezao, aha, vaho tsy hisy sasa. [22]Laha tsy amborimbory reo andro
reo, le tsy hisy nofo ho vonje. Te noho ty ndaty voa file, le hafohesy reo andro reo.[23]Te laha misy ndaty mitsara
anareo tihoe: 'Ingo, toy iaze Kristy' na, indroy iaze Kristy' le ko mino zay. [24]Te ty kristy sandoke naho ty mpitoke
sandoke le ho ave vaho hampieseho fahamatara bey naho raraha-mahavere, soa hamitake, laha azo atao, eke te
na reo ndaty voafile kea. [25]Indro, fa nitalilieko anareo mialoha ty fotoa.[26]Noho zay, laha mitsara anareo iareo
tihoe: 'Ingo, agne amy ty tane tsy misy raraha re,' le ko mandeha agne amy ty tane tsy raraha. na tihoe 'Ingo agne
ampo efitragno re' le ko mino zay. [27]Te manahake ty hotroke ze mitselatse bak'agne antignana le mazava hatragne
andrefa, le manahake zay ty fihavia ty Anagn'Ondaty. [28]Na ia na ia misy biby mate, le agne ro hiangona ty voltora.
[29]Vaho laha vao afake ty fahoria amy reo andro reo le ho maike ty masoandro, tsy hagnome ty hazavane ty vola,
hipoke bak'agne an-dagnitse ty vasia, vaho hihozohozo ty here ty lagnitse.[30]Bak'eo hiboake egny amy ty lagnitse ty
famantara ty Anagn'Ondaty, vaho ty foko iaby ambone ty tane hisao. Hahisake ty Anagn'Ondaty avy amy ty
hiboky ty lagnitse miarake amy ty here naho hasy bey Iareo. [31]Handefa reo anjeline Reke miarake amy ty feo
trompetra mafe, vaho hamory ty olom-boafiline bak'agne amy vazan-tane efatse iareo, manomboke amy ty fory
ty lagnitse le hatragne amy ty hafa.[32]Mianara ty leso bak'amy ty aviave. Laha vantane vao matoe ty ratsane vaho
mamoake ty ravine, le hainareo te mariny ty fahavaratsse. [33]Manahake zay avao ke, laha mahisake zay raraha
iaby zay nareo, le tokone ho hainareo te famarine Re, eo amy reo vavahade vatane.[34]Talilieko marene aminareo,
te tsy ho lane toy taranake toy mandra-pisehoa zay iaby zay. [35]Tsy hisy sase ty lagnitse naho ty tane, te ty tsarako
le tsy ho rava zisikam-parane.[36]Kanefa ty mikasike zay andro naho lera zay le tsy misy mahalala, na ty Anjele ty
lagnitse kea, na ty Anandahy, te ty Baba avao.[37]Manahake ty andro ndre Noa, le manahake zay avao kea ty fihavia
ty Anagn'Ondaty. [38]Te manahake tamy reo andro mialoha ty safo-drano le nihina naho nino iareo, nanambaly
naho nala vale mandra-piavia iaze andro niziliha ndre Noa tao ampo iaze sambo fiara, [39]vaho tsy nahay na ino na
ino iareo mandra-piavaia ty safon-dranole nandrava aze iaby- le manahake zay ty fihavia ty Anagn'Ondaty.
[40]Bak'eo hisy lehilahy roe egne am-baibo ty raike ho rambese, vaho ty raeke hapoke. [41]Ampela roe ro handisa
vare- ty raike ho rambesa, vaho ty raeke hapoke. [42]Noho zay le miambena, te tsy hainareo ze andro hiavia ty
Tomponareo.[43]Te fantaro zao, laha hay ty tompon-tragno tihoe amy firy halike ro hiavia ty mpangalatse, le ho
niamby re vaho tsy nagnenga ty tragnone ho vake. [44]Noho zay le tsy maintse mivonogne avao kea nareo, te ho avy
ty Anagn'Ondaty amy ty lera tsy ambinareo.[45]Kea ia moa iaze mpiasa azo antoke naho hendre ze nitendre ty
tompone hanapake ty hasaveregnane soa hagnomeza aiero ty mahatajake iareo amy ty fotoa mete? [46]Vototse zay
mpiasa zay ze hisa ty Tompone te manao zay lafa avy reke. [47]Taliliko marene aminareo te ty tompone ro
hanapake aze ho ambone ty raraha iaby ze agnane.[48]Te laha misy mpiasa rate mitsara ao agn'arofone tihoe: 'Ela
fiave ty tompoko', [49]le manomboke mamono reo manompo namane, naho mitava vaho misotro miarake amy reo
mpimamo; [50]le ho avy ty tompo iaze mpiasa amy ty lera ze tsy haine. [51]Le ho tapatapahy ty tompone re vaho
hataone manahake ty ahy reo mpihatsaravelatsy ty najarane, ze hisy ty fitomagnia naho ty fangotoha-nife.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 25

[1]ty fanjaka ty lagnitse le manahake ty ampela tsy mahasaky kahy folo ze nangalake ty jirone la nandeha
nifamonje tamy ty mpangalake. [2]Biloka ty limy tamy iareo te ty lime kea le hendre. [3]Vaho lafa nanday reo jirone
reo ampela tsy mahasake lahy biloke, le tsy nanday menake niarake tamine. [4]Te reo ampela tsy mahasake lahy
hendre kea le nanday fagnanjaria menake niarake tamy ty jirone.[5]Vaho laha tara ty mpangalake, le tandregna
iareo aiaby le natory. [6]Te tamy ty vakimira haly le nisy nikaike mafe tihoe: "Ingo, ty mpangalake! miboaha soa
hiaogne amine."[7]Bak'eo niare reo ampelatsy mahasake lahy iaby le nikarakara ty jirone. [8]Nanao tihoe iareo biloka
tamy reo hendre tihoe: "Omeo vakine amy ty manekareo zahay te fahomaty ty jironay. [9]Te namale reo hendre le
nitsara tihoe: "Tsy no tsy ho ampe ho anay naho anareo, te mandena kea agne amy reo mpivarotse le mivilia ho
ahy ty vatanareo."[10]laha mandeha nivily iareo, le avy ty mpangalake, vaho ze fa vonogne le niarake nandeha
tamine ho ao amy ty havoriam-panambalia, le nihile ty vavahade. [11]lafa afake zay le avy avao kea reo ampela tsy
mahasake lahy sasane le nitsara tihoe: 'Tompoko, tompoko, soa vohao zahay'. [12]Te namale re le nitsara tihoe:
'Ataliliko marene aminareo, tsy mahay anareo raho.' [13]Kea noho zay miambena, te tsy hainareo ty andro na ty
lera.[14]Te zay le manahake ty lehilahy raike ze handeha ho agne amy ty firenen-kafa. Nikaike ty mpiasane re le
nampitanjake aiereo ty fanagnane. [15]Ty raike tamy iareo nameane talenta limy ty raike hafa nomeane roe, vaho
ty raike hafa kea nomeane talenta raeke. Ty kiraikiraike le sambe nahazo talenta arake ze fahaizane iaby, vaho
nandeha tamy ty liane reo lehilahy reo. [16]Ty raeke ze nahazo talenta liomy le niala teo noho eo le nampiasa aiereo
vaho nahazo talenta lime hafa.[17]manahake zay kea iaze raeke ze nahazo roe hafa. [18]te iaze mpiasa raeke ze
nahazo talenta raeke kea, nandeha le nialy lavake tamy ty tane, vaho nandeve ty drala ty tompone.[19]Vaho tafara
ty fotoa ela le nimpole ty tompo reo mpiasa reo vaho nandamin-draha tamy iareo. [20]Nizilike iaze mpiasa ze
nahazo talenta limy ro sade nanday talenta lime hafa. Nanao tihoe re: "Tompoko, nameanao talenta limy raho.
Ingo nisy tombone talenta lime raho." [21]Nanao tihoe ty tompone tamine: " Soa zay, mpiasa soa sade azo antoke!
Azo antoke tamy ty raraha kelekele riha. Raho hampitanjake anao amy ty raraha maro. miziliha amy ty fifalea ty
tomponao."[22]Iaze mpiasa ze nahazo talenta roe le namonje naho nitsara tihoe: "Tompoko, nameanao talenta roe
raho, ingo, nisy tombone talenta roe hafa raho." [23]NItsara aze ty tompone tihoe: 'Soa zay, mpiasa soa sade azo
antoke! Azo antoke tamy ty raraha kelekele riha. Raho hampitanjake anao amy ty raraha maro. Miziliha amy ty
fifalea ty tomponao.'[24]Bak'eo iaze mpiasa ze nahazo talenta raeke namonje ro sade nitsara tihoe: "Tompoko, haiko
te lehilahy sarotine hianao. Magnombotse egne amy ze tsy nitongisanao rihe, ro sade mamory vokatse egne amy
ze tsy namboleanao. [25]Natahotse raho, le nandeha vaho namine ty talentanai tao ampo ty tane. vambao, ingo ze
anao."[26]Vaho namale aze ty tompone le nanao tamine tihoe: 'Iriha mpiasa rate sady malay, hainao te raho le
magnombotse egne amy ze tsy nitongisako naho mamory vokatse egne amy ze tsy namboleako. [27]Noho zay le
tokone nameanao ty mpagnanjan-drala ty dralako, le lafa nimpoly raho le nandrambe ty ahike miarake amy ty
tombone.[28]Noho zay alao agne amine ty talenta vaho omeo ho ahy iaze mpiasa ze mana talenta folo zay. [29]Te ze
iaby mana le hamea bey vatane mihoatse lavitse kea. Te ho ahy reo ze tsy mana ino na ino kea, na ze hanagnane
kea le hafaha amine. [30]Ario agne amy ty maike agne ambalike ty mpiasa tsy maeva, agne ro misy ty fitomagnia
naho ty fagnohotsoha-nife.[31]Lafa avy amy ty hasine ty Anagn'Ondaty naho ty anjele iaby miarake amine, le
hitoboke eo amy try seza fiankina ty hasine Re. [32]Vaho ty firenena iaby le havore eo agnatrehane, vaho hagnavake
ty ndaty raeke amy raeke hafa Re, manahake ty mpiambe aondre amy ty aose. [33]Hametrake ty aondry ho eo
ankavanane re, te ty aose eo agnilane.[34]Vaho ty mpanjaka hitsara amy rei ze eo an-tagna an-kavanane tihoe: 'Avia,
nareo ze nitahy ty Raeko, mandovà ty fanjaka ze fa voahoma ho anareo nanomboke ty nagnoregna ahy zao
tontolo zao. [35]Te kere Raho le nameanareo mahatanjake; tahinondrano Raho le nameanareo hinomy; nibahine
Raho le nampandroanareo; [36]tsy nisiky Raho le nampisikinareo; narare Raho nikarakaranareo; vaho tagne
ampingandra Raho le nandeha agne Amiko nareo.'[37]Vaho reo marene le hamale naho hitsara tihoe: 'Tompo,
ombia zahay ro nahisake Anao kere le namaha Anao? Na tahinondrano le nampinominay? [38]Ombia Iriha ro
hisanay nimbahine le nampandrosoinay? Na tsy nisiky le nampisikininay? [39]Ombia zahay ro nahisake Anao
narare na tagne am-pingandra le nandeha agne aminao? [40]Vaho ty Mpanjaka namale le nitsara aiereo tihoe:
'Talilieko marine aminareo, ze nataonareo tamy regne rahalahiko kele loatse regny, le nataonareo tamiko.'[41]Vaho
re hitalily amy reo ze eo ankaviane tihoe: "Mialà amiko, Nareo ze voahozo, ho agne amy ty afo mirehitse zisikam-
parane ze fa voahoma ho ahy ty devole naho reo anjeline, [42]satria kere Raho, te tsy nameanareo mahatanjake;
tahindrano Raho, te tsy nameanareo hinome; [43]bahine raho, te tsy nampandrosoanareo; tsy nisiky Raho, nefa tsy
nampisikininareo; narare naho tao am-pingandra Raho, te tsy nikarakarainareo.'[44]Vaho le hamale kea iareo le
hitsara tihoe: 'Tompo! Ombia zahay ro nahisake Anao kere, na tahinondrano, na nimbahine, na tsy nisike, na
narare, na tane am-pingandra, le tsy nanompo Anao? [45]Vaho Reke hamale aiereo le hitsara tihoe: 'Ataliliko

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

marene aminareo, te ze tsy nataonareo tamy raeke tamy reo milinke reo, le tsy nataonareo tamiko.' [46]Reo le halefa ho ao amy ty fagnasazia zisikam-parane te reo kea ao amy ty fiaigna zisikam-parane."

Chapter 26

[1]Lafa vita ndre Jesosy zay tsara iaby zay, le nitsara tamy reo mpianane Re tihoe: [2]"Hainareo te afake roe andro le
ho avy ty Paska, vaho hagnaomey hamatsiha amy ty hazofijalea ty Anagn'Ondaty."[3]Bak'eo ty bey ty mpisoro naho
ty ndaty bey niarake nivore tao amy ty lapa ty mpisoro-bey, ze kinaike tihoe Kaiafa. [4]Niarake nanao tetike iareo
soa hisambora mangiky ahy ndre Jesosy vaho hamono Aze. [5]Te nanao tihoe iareo: "Tsy amy ty fete, soa tsy hisia ty
koronta eo amy ty ndaty."[6]Vaho Jesosy lafa tao Betania tao an-tragno ndre Simona angamay, [7]laha nitoboke nitava
teo amy ty latabatse, le nisy ampela raeke nana tavoara alabastara feno menake lafo vily namonje Aze, le
nangnily zane tamy ty lohane. [8]Te lafa hisa reo mpianane zay, le nasiake iareo le nanao tihoe: "Ino ro antony zao
fandania zao? [9]Afake namile lafo vaho nomene reo mijale io."[10]Te Jesosy, nahazay zay, nitsara aiereo tihoe:
"Nanao akore nareo ro manahiran-tsay amin'ampela? Te raraha soa ro nataone tamiko. [11]Eo aminareo zisikam-
parane ty mijale te Iraho le tsy ho eo aminareo zisikam-parane.[12]Te laha nagnily zay menake magnitse zay tamy
ty vatako re, le nataone ho ahy ty fandevegna Ahike zay. [13]Ataliliko marene aminareo, na aia na aia hitoria ty
filazantsara eto amy zao tontolo iaby zao, ze natao toy ampela toy le hatalily avao kea ho fahatiarova aze."[14]Bakeo
raike tamy reo folo roe amby ze kinake tihoe Jodasy Iskariota, nandeha agne amy ty bey ty mpisoro, [15]vaho nanao
tihoe: "Omeanareo otrino raho hagnomezako Azew aminareo?" Nandanja volafoty malinike telopolo iareo ho aze.
[16]Tamy zay fotoa zay le nipay fahafaha re soa hagnomea Aze amy iareo.[17]Tamy ty andro voalohane ty mofo tsy
lalivay le namonje andre Jesosy reo mpianatse le nitsara tihoe: "Aia ro teanao hagnomanay ho anay hitava ty
mahatanjake ty paske?" [18]Namale Re tihoe: "Miziliha ao an-tanà misy lehilahy raeke vaho talilio re tihoe: 'Nanao
tihoe ty mpampianatse tihoe: "Fa marinike ty fotoako. Ato an-tagnonao Raho ro hanao ty paske miarake amy reo
mpianatsiko.""' [19]Natao reo mpianatse arake ze nandilia ndre Jesosy zay, vaho nagnoma ty mahatanja ty paska
iareo.[20]lafa avy ty hariva, le nitoboke nitava niarake tamy ty mpianatse folo roa ambe Reke. [21]Lafa nihina iareo, le
nanao tihoe Re: "Atali̇liko marene aminareo te hisy raeke aminareo hivadike ahike." [22]Nalahelo iareo vaho
nanomboke nagnontane Aze ty tsikiraikiraike tihoe: "Tsy ho raho avao, Tompo?"[23]Namale Re tihoe: "Ze niara-
mampijo ty tagnane tamiko tao ampo ty finga ro iaze hamadike Ahike. [24]Handeha ty Anagn'Ondaty, arake ze fa
voasoratse mikasike Aze. Nefa loza ty ndaty ze hamadike ty Anagn'Ondaty! Soa loatse ho ahy zay ndaty zay ro tsy
terake." [25]Jodasy, ze hamadike Aze nitsara tihoe: "Iraho vao zane, Tompo o?" Nanao tihoe Reke tamine: "Hainao
soa."[26]laha mboe nitava iareo , le nangalake ty mofo Jesosy, nisaotse, vaho nanapake zay, Nomeine reo mpianatse
zay vaho nitsar tihoe: "Rambeso, hano. Toy ro vatako."[27]Nandrambe ty kapoake Re vaho nisaotse, vaho nagnome
zay aireo le nitsara tihoe: "Nareo iaby, inomo toy. [28]Te toy ty lio ty fagnekem-pilongoa alatsake ho ahy ty maro
famelan-keloke. [29]Te talilieko aminareo, te tsy hino ty vokatse ty voaloboke sase Raho, zisikim-piavia ty finoma
vaoavao hiarahoko aminareo agne amy ty fanjaka ty Babako."[30]Lafa niantsa hiantsa fiantsa iareo, le nandeha
tagne amy ty vohitse ndre Oliva. [31]Bak'eo nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Nareo iaby le hagnenga Ahike noho ty
amiko haliky zao, te voasoratse tihoe: 'Hamofoke ty mpiandre aondry Raho le hioaritake ty aondre.' [32]Te afara ty
fitsanganako amy ty mate, le hiaolo lala anareo agne Galilia.[33]Te Petera nanao tamine tihoe: "Na hagnenga noho
ty aminao kea ty iaby, raho tsy hagnenga anao zao." [34]Nanao tihoe Jesosy tamine: "Ambarako marene aminao, te
anio halike laha mbo tsy magneno akoho, le handà Ahike intelo riha." [35]Petea nitsara tamine tihoe: "Na le tsy
maintse ho mate miarake aminao raho, le tsy handà anao."[36]Vaho Jesosy nandeha nirake tamy iareo nandeha amy
ty toera kaihe tihoe Getsemane vaho nitalily tamy ty mpianane tihoe: "Mitoboha eto laha mbo handeha eroy
hivavake Raho." [37]Nanday ahy ndre Peteraa miarake amy ty andre Zebedio roe lahy Re vaho nanomboke nalahelo
naho mijale. [38]Bak'eo nanao tihoe Re tamy iareo: " Mijake ty fagnahiko, manahake ty fa ho mate. Mitoboha etoa
vaho miambane miarake amiko."[39]Niale kele Reke, nihohoke vaho nivavake. Nanao tihoe: "Babako, laha azo anoe,
le lonike afaha amiko toy kapoake toy. Feie lonike tsy arake ty teako, te ty teanao." [40]Namonje reo mpianatse Re
vaho nahisake aiereo ny azo tore, le nanao tihoe Re tamy ndre Petera tihoe: "Ino, tsy mahavita miambe miarake
amiko na le lera raike vao nareo? [41]Miambe vaho mivavah soa tsy ho azo ty fagalam-pgnahy nareo,. Mete avao ty
fagnahy, te ty nofotse ro maleme."[42]Mboe nandeha fagnindroane reke vaho nivavake. nanao thoe: "Babako, laha
ohatse tsy azo afaha amiko toy raha tsy mino raho, le ho atao vatane ty teanao." [43]Nimpole ndraeke Reke vaho
mboe nahisake aiereo natory, te navesatse ty maso iareo. [44]Le nagnenga aiereo ndreke Re, lasa vaho nivavake
fagnintelone, nitalily reo tsara reo avao.[45]Bak'eo Jesosy namonje reo mpianatse le nanao tihoe tamy iareo: "Mboe
matory naho mitofa vao nareo? Vambao famarine ty lera, vaho ty Angn'Ondaty le homea eo an-tagna reo mpanao
rate. [46]Mitsangà,, ndao tika. Vambao, fa marinike iaze hamadike Ahike."[47]Laha mboe nitsara Re, le avy Jodasy, raek
amy reo folo roa ambe. Nisy vahoake maro avy niarake tamine bak'amy ty bey ty mpisoro naho reo ndaty bey.
Avy niarake tamy ty mesa bey naho langilangy iareo. [48]Vaho nagnome famantara aiereo iaze lehilahy hamadike
ahy ndre Jesosy, manao tihoe: "Ze horofako, ro Reke. Samboro Reke."[49]Teo ho eoavao le namonje ahy ndre Jesosy


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

re vaho nitsara tihoe: "Salame, Raby!" Vaho nagnoroke AZe re. [50] Nanao tihoe Jesosy tamine: "Ragnitse, ataovo ze
lianao etoa." bak'eo avy iareo, nagnenja tagna tamy ndre Jesosy, vaho nisambotse AZe.[51]Ingo, raeke tamy rei
niarake tamy ndre Jesosy nagnenja ty tagnane, nampitsoake ty masane, nanapake ty mpiasa ty mpisoro be, vaho
nahafake ty sofine. [52]Bak'eo nanao tihoe Jesosy tamine: "Ampolio amy ty toerane ty mesonao, te reo ze
mandrambe meso le ho vonoa amy mesa. [53]Mieritseritse vao nareo te tsy afake mikake ty Babako Raho, vaho Reke
le afake mandefa ho Ahike maramila anjele mihoatse noho ty folo roe ambe? [54]Te atao akore zay ro
hahatanterake ty Soratse Masy, ze mitalily te tsy maintse hiseho zay?"[55]Tamy zay andro zay Jesosy nitsara tamy ty
vahoake tihoe: "Avy miarake amy ty meso bey naho langilangy hisambotse Ahike manahake ty malaso vao nareo?
San'andro le nitoboke nampianatse teo amy ty tempoly Raho, te tsy nisamborinareo. [56]Te zay iaby zay le niseho
soa hahatanterake ze voasatsy reo mpitoke." Bakeo nagnenga Aze reo mpianatse iaby le nilay.[57]Nandesy reo
nisambotse Aze tagne amy ndre Kaiafa mpisorobey Jesosy, ze nivoria reo mpanora-dalàgna naho ndaty bey. [58]Te
Petea nagnarake Aze bak'egne lavitse nandeha agne amy ty kianja ty mpisorobey. Nizileke tao ampone re vaho
nitoboke niarake tamy reo mpiandre raraha soa hahisake ze hiafarane.[59]Vaho reo bey ty mpisoro naho reo
Synedriona iaby nipay fitana tsy to manohitse ahy ndre Jesosy, soa mete ahafaha iareo mamono Aze. [60]Tsy
nahisake na ino na ino iareo, na le nisy mitsanga vavolombelo maro tsy to avy teo. Vaho kelekele bak'eo le nisy
roe avy namonje teo [61]vaho nitsara tihoe: "Io lehilahy io le nisara tihoe: 'Afake mandrava ty Tempoly ty
Andragnahare Raho vaho mananga zay ndraeke afake telo andro.'"[62]Nitsanga iaze mpisorobey le nanao tihoe
tamine: "tsy manan-kavale vao Riha? Ino zay hitanjaha iareo Anao zay? [63]Te nitsy Jesosy. Nanao tihoe ty
mpisorobey tamine: "Mandily Anao amy ty alala ty Andragnahare velo raho, talilio aminay laha Riha ro Kristy,
Anak'Andragnahare." [64] Jesosy namale aze tihoe: "hainao soa. Te talilieko aminareo, manomboke zao le ho
hisanareo ty Anagn'Ondaty hitoboke eo an-tagna ankavana ty Here, vaho avy eo amy ty hiboke ty
lagnitse."[65]Bak'eo ty mpisorobey nanantake ty ankajone vaho nitalily tihoe: "Nitsara rate Re! Nanao akore tika ro
mboe mipay mpijoro vavolombelo? Ingo, henonareo ty tsara rate zao. [66]Ino ro hevinareo?" Namale iareo vaho
nanao tihoe: "Maeva ty ho mate Re."[67]Bak'eo iareo nandora ty vatane naho namofoke Aze, vaho namofoko
tampifemaeke Aze, [68]vaho nanao tihoe: "Mitokia aminay Kristy. Ia ro namofoke Anao?"[69]Vaho Petera nitoboke
ambalike ty kainja, vaho nnisy mpiasa ampela avy namonje aze nitsara tihoe: "Riha avao kea le niarake tamy
ndre Jesosy ty Galilia." [70]Te nagnina zay teo agnoloa iareo re, manao tihoe: "Tsy hainao ze resahinareo."[71]Lafa
niboake ty vavahade re, le nisy mpiasa ampela hafa nahisake aze vaho nitsara tamy reo ze teo tihoe: "Toy
lehilahy toy avao kea le nirake tamy ndre Jesosy bak'agne Nazareta," [72]Mboe nandà ndraeke re niarake tamy ty
fifanta tihoe: "Tsy hainao zay lehilahy zay!"[73]Lafa afake kelekele le namonje ze nitsanga teo vaho nitsara tamy
ndre Petera tihoe: "Riha avao kea le vatane raeke amy iareo, te ty fomba fitsaranao le fitanjaha anao." [74]Bak'eo re
nanomboke nagnozo naho nifanta le tihoe: "Tsy haiko zay lehilahy zay." Vaho teo ro eo le nagneno ty akoho.
[75]Tiaro ndre Petera ty tsara nambara ndre Jesosy tihoe: "Mboe tsy magneno akoho le handà Ahike intelo riha."
Bak'eo re niboake vaho nitomagny mafe.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

# Chapter 27

[1]Vaho lafa avy ty marene, le nitetike hanohitse ahy ndre Jesosy soa hamono Aze reo bey ty mpisoro naho ndaty
bey iaby. [2]Iareo nandrohy Aze, nitarike Aze tagne ambalike, vaho nagnomey aze tamy ndre Pilato governora.
[3]Vaho Jodasy, iaze namadike Aze, vaho nahisake te voaheloke Jesosy, le nifona re vaho nampimpoly reo volafoty
telopolo tamy reo bey ty mpisoro naho reo ndaty bey, [4]vaho nitsara tihoe: "Nanao rate raho tamy ty namadihako
lio tsy misy tsikone." Te iareo nitsara tihoe: "Ahoanay ino? Anao zay." [5]Le natorane tao an-tempoly reo volafoty,
vaho nandeha, naho niboake vaho nagnanto ty vatane Reke.[6]Reo bey ty mpisoro nangalake volafote vaho nitsara
tihoe: "Tsy ara-dalàgna ty mpampiko toy ao amy ty fagnajariam-drala, satria toy le vily ty lio." [7]Niarake nirehake
ty olana iareo vaho nivily ty baibo ty mpanao velagne tanemanga ze handevagne reo bahine tamy reo drala.
[8]Vaho zay ro antone nikaiha zay baibo zay tihoe: "Baibo ty lio" zisik'androane.[9]Vaho le tanterake ze voatalily tamy
ty mpitoke Jeremia, manao tihoe: "Nangalake ty volafote telopolo iareoe, vily nivatovatoa reo vahoagn'Israely
Aze, [10]vaho reo nagnome zay ho ahy ty baibo ty mpanao velagny tanimanga arake ty natoro ty Tompo
ahike."[11]Vaho Jesosy nitsanga teo agnoloha ty governora, vaho ty governora nagnontane Aze tihoe, "Riha vao ro
mpanjaka reo Jiosy?" Jesosy namale aze tihoe: "Hainaosoa." [12]Te lafa nitanagny reo bey ty mpisoro naho ndaty
bey Reke, le tsy namale na ino na ino. [13]Le nitsara tamine Pilato tihoe: "Tsy henonao vao ty fitana iaby atao
aminao?" [14]Te tsy namale na le tsara raeke Re, vere tanterake noho zay ty governora.[15]Vaho saky ty firavoravoa le
fomba ty governora ty mamotsotse gadra raeke voafily ty vahoake. [16]Tamy io fotoa io, nana gadra malaza rate
kinaike tihoe Barabasy iareo.[17]Noho zay lafa niara-nivory iareo, le nanao tihoe Pilato tamy iareo: "Ia ro teanareo
halefako ho anareo? Barabasy, sa Jesosyze kinaike tihoe Kristy?" [18]Haine te noho ty fialogna ro nanoloraiareo ahy
ndre Jesosy tamine. [19]Laha nitoboke teo amy ty Seza fitsara re, le nandefa tegne tamine ty valine vaho nanao
tihoe: "Tsy mana na ino na ino atao amy toy lehilahy tsy manan-tsikone toy rao. Te mijale loatse raho androane
noho ty nofe azoko mikasike Aze."[20]Vaho reo bay ty mpisoro naho reo ndaty bey nandresy lahatse ty vahoake soa
hangatake ahy ndre Barabasy, vaho hampamono ahy ndre Jesosy. [21]nagnontane aiareo ty Governora tihoe: "Ia
amy iareo roe ro teanareo halefako ho anareo?" nanao tihoe iareo: "Barabasy." [22]Pilato nitsara tamy iareo tihoe:
"Ino ro tokone ataoko amy ndre Jesosy ze kinaike tihoe Kristy?" Iareo iaby namale tihoe: "Fantsiho amy ty
hazofijalea Re."[23]Le nanao tihoe Re: "Nanao akore ro heloke nataone?" Te vao mainke iareo nikoike mafe tihoe."
[24]Te lafa hisa ndre Pilato te tsy afake hanao na ino na ino re, nefa fa nanomboke ty korakorake, le nagalake rano
re, nanasa ty tagnane teo agnoloa ty vahoake, vaho nanao tihoe: "Tsy manan-tsiny amy ty lio toy lehillahy tsy
manan-tsikone toy raho. Te asanareo zay."[25]Reo ndaty iaby nitsara tihoe: "Ho aminay naho ty anagnay vatane ty
lione." [26]Le nalefane ho ahy iareo Barabasy, te namofoke karavasy ahy ndre Jesosy re vaho nagnomey Aze ho
fantsihy.[27]Bak'eo reo miaramila ty governora nangalake ahy ndre Jesosy handeha ao an-dapa vaho namory reo
fikambana miaramila iaby. [28]Nagnalake ty fisikinane iareo vaho nampnao akanjo jaky Aze. [29]Nagnamboatse satro-
boninahitse fatike iareo vaho nametrake zay teo agnambone, vaho nametrake fitogno teo amy ty tagnane
ankavana. Nandohalike teo agnatrehane iareo vaho nagneso Aze, nanao tihoe: "Salama, mpanjaka ty
Jiosy!"[30]Nadora iareo Re, vaho nala iareo ty fitogno le namofoke Aze im-be le bey teo amy ty agnambone. [31]Lafa
baka nagneso Aze iareo, le nangala ty akanjo lavane vaho nampisiky Aze ty fisikinane, vaho nanday Aze niboake
soa hamantsike Aze amy ty hazofijalea.[32]Lafa niboake iareo, le nahisake lehilahy raeke bak'agne Syrena kinaike
tihoe Simona, ze nitere iareo hiarake amy iareo soa hampiranjoa ty hazofijaleane. [33]Nandeha agne amy ty toera
kinake tihoe Golgota iareo, ze malinike tihoe " Toera ty Karandoha." [34]Nomey iareo divay miharo amy ty afero
Reke hinome. Te lafa nandramane zay, le tsy nino Reke.[35]Lafa nifantsihy iareo tamy ty hazofijalea Re, le natao
iareo loka ty fizara reo fisikinane, [36]le nitoboke iareo vaho nijano niamby Aze. [37]Teo ambone ty angnombone ro
nametraha iareo soratse mitalily ty nimelofa Aze, ze mivaky tihoe: "Toy ro Jesosy mpanjaka reo Jiosy,"[38]Nisy
malaso roe nifantsihy niarake tamine, ty raeke teo ankavanane vaho raek teo ankavia. [39]Reo ze nandalo le nanao
tsara rate Aze, nagnolignoly ty loha iareo [40]vaho nanao tihoe: "Riha ze handrava ty tempoly vaho hagnamboatse
zay ndraeke ao agnate ty andro, vonjeo ty vatanao! Laha Iriha ro Anagn'Andragnahare, mizotsoa bak'egne amy ty
hazofijalea!"[41]manahake zay kea reo bey ty mpisoro nagnaboka Aze, niarake tamy reo mpanora-dalàgna naho reo
ndaty bey, vaho nitsara tihoe: [42]"Nagnavotse reo hafa Reke, te tsy afake magnavotse ty vatane, Reke ro mpanjaka
ty Israely,. Apoho Re hizotso egne amy ty hazofijalea, vaho le hino Aze tika.[43]Natoke ahy ty Andragnahare re,
apoho Andragnahare hamonje Aze zao, laha tea ty Andragnahare ty hagnafake Aze. Te na Re kea le nitsara tihoe:
'Raho ro Anagn'Andragnahare.'" [44]manahake zay kea reo malaso ze nifatsihy niarake tamine nitsara tsisy dikane
tamine avao kea.[45]Vaho nanomboke tamy ty lera fahaeny le nandrakotse ty tane iaby ty ike le hatramy ty lera
fahasivy. [46]Teo amy ty lera fahasive, le nikoke tamy ty feo mafe Jesosy vaho nanao tihoe: "Ely, Ely, lamà sabaktani?
ze midika tihoe: "Andragnahariko, Andragnahariko, nanao akore ro nagnenga Ahike Riha?" [47]Lafa heno ty ilane


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

tamy reo ze nnitsanga teo zay, le nanao tihoe iareo: "Miantso ahy ndre Elia Re."[48]Teo no eo le nilailay ty raeke
tamy iareo vaho nangalake epozy, nando zay tamy ty vinengira, nametrake zay tamy ty tohiza bararata, vaho
nagnome zay Aze soa hinome. [49]Ty ilane tamy iareo nitsara tihoe: "Apoho Reke. Hisantika eo laha ho avy hamonje
Aze Elia." [50]Le nikoke tamy ty feo mafe ndraeke Jesosy vaho nagnomey ty fagnahine.[51]Ingo, ty lamba ty tempoly
nitatake roe hatragne ambone le hatragne ambane vaho nihorohoro ty tane, vaho vake nisasake reo lamelame.
[52]Nisokatse reo valavatp, vaho ty faty reo ndaty ty Andragnahare lahiale ze nivilasy le nitsanga. [53]Iareo le niboake
bak'ao amy ty valavato tafara ty fitsanganane tamy ty mate, nizilike ty tanà masy, vaho niseho tamy ty
maro[54]vaho reo Kapitene naho reo ze nivamba ahy ndre Jesosy lafa nahisake ty horohorontane naho reo raraha
ze niseho, le lasa natahotse mafe vaho nanao tihoe: "Anagn'Andragnahare marene toy." [55]Nisy Ampela maro ze
nagnarake ahy ndre Jesosy hatragne Galilia soa hikarakara Aze teo nivamba bak'egne lavitse. [56]Tamy iareo Maria
Magdalena, Maria rene ndre Jakoba naho Josefa, vaho ty rene reo anandahy ndre Zebedio.[57]Lafa hariva ty andro,
le nisy lehilahy raeke manan-kanagna bak'agne Armatia avy, kinake tihoe Josefa,ze mpianatsy ndre Jesosy avao
kea. [58]Namonje ahy ndre Pilato re vaho nangatake ty havilasy ndre Jesosy. Le nibaiko ndre Pilato omea aze
zay[59]nangalake ty havilasy Josefa, namogno zay tamy ty lamba rongone malio, [60]vaho nampande zay tamy ty
valavatone vaovao ze nilavahane tamy ty lamelame. Le nandrose vato bey hanampe ty varavara ty valavato re
vaho niboake. [61]maria Magdalena naho reo Maria hafa le teo, nitoboke teo ampita ty valavota.[62]Ty andro
magnarake, ze andro afara ty fanaomana, le niara-nivory tamy ndre Pilato reo bey ty mpisoro naho reo Fariseo.
[63]nanao tihoe iareo: "Tompoko, tiaronay te tamy ty mboe velo igny mpamitake igny, le nanao tihoe Reke: 'Afara ty
telo andro, le hitsanga ndraeke Raho.' [64]Le noho zay, mandilia soa hambena ty valavato hatramy ty andro
fahatelo, laha tsy zay reo mpianane mete ho avy vaho hangalatse Aze le hitsara amy ty ndaty tihoe: 'Nitsanga
tamy ty mate Reke', vaho try fitake farane le ho rate noho iaze tamy ty voalohane."[65]Nanao tihoe Pilato tamy
iareo: "Mangalà mpiamby. Mandehana vaho ambeno soa arake ze vitanreo zay." [66]Le nadeha iareo vaho niamby
ty valavato, nagnisy tombo-kase ty vato vaho nitoboke ty mpiambe.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 28

[1]Vaho tamy ty halike ty Sabata, laha vao nanomboke mazava rate ty andro voalohane amy ty heregnandro, le lasa
nandeha nivamba ty valavota Maria Magdelena naho iaze Maria raeke hafa. [2]Ingo, nisy horohoron-tane bey, naho
te ty anjele ty Tompo ro nizotso bak'agne an-dagnitse, avy vaho nandroseke ty vato, le nitoboke teo ambone zay.
[3]Ty tarerihine le manahake ty helatse, vaho ty akanjone le foty manahake ty ando. [4]Nahotahotse reo mpiambe le
nanjare manahake ty lehilahy mate.[5]Nirehake tamy reo ampisafy iaze anjele vaho nitsara tamy iareo tihoe: "Ko
matahotse, hainao te mipay ahy ndre Jesosy nareo, iaze nifantsihe tamy ty hazofijalea. [6]Tsy ato Reke, te fe
nitsanga, arake ty fa nitaliliene. Avia heteo ty toera ze nandrea ty Tompo. [7]Mandena malaky vaho teneno reo
mpianane tihoe: 'Nitsanga tamy ty mate Reke. Ingo, fa nandeha niaolo anareo agne Galilea Re. Agne ro
hahisahanareo Aze.' Ingo, fa voataliliko taminareo."[8]Nagnenga malay ty valavato tamy ty tahotse naho tany ty
hafalea bey reo ampisafy, vaho nilailay soa hitsara reo mpianane. [9]Ingo, nifakahisake tamy iareo Jesosy vahi
nitsara tihoe: "Salama!" Namonje reo ampisafy, nitanjake ty tombone vaho niantsa Aze. [10]Vaho bak'eo Jesosy
nitsara tamy iareo tihoe: "Ko matahotse. Mandehana mitsara amy reo rahalahiko soa hiala le handeha ahy ndre
Galilia, Agne ro hahisaha iareo Ahike."[11]Vaho laha mboe igny nandeha igny reo ampisafy, ingo, ty ilane tamy reo
mpiambe nandeha agne amy ty tanàn-bey vaho nitsara tamy ty loha ty mpisoro ty raraha iaby ze niseho. [12]Lafa
nifakahisake tyamy reo ndaty bey ty mpisoro vaho nirehake mikasike ty olagne tamy iareo, nagnome ndrala bey
ahy reo miaramila iareo [13]vaho nitsara aiereo tihoe: "Atalilio amy reo hafa tihoe: 'Avy tamy ty andro halike reo
mpianatse ndre Jesosy vaho nangalatse ty vatane laha mbo natore zahay.'[14]Laha avy agne amy ty governora zay
tatitse zay, le handrese lahatse aze tika vahoo hangalake ty fisalasalane aminareo." [15]Vaho le nala ty miaramila ty
drala vaho nanao arake fa nitalily aze iareo. Vaho zay tatitse zay le niele teo amy reo Jiosy vaho mitohy zisike
henane zao.[16]Te nandeha aggne Galilia reo mpianatse folo raike ambe, tagne amy ty vohitse ze fa natoro ndre
Jesosy aiereo. [17]Lafa nahisake Aze iareo, le niantsa aze, te ty ilane kea nisalasala.[18]Namonje aiereo Jesosy le
nirehake tamy iareo vaho nitsara tihoe: "Fa nomeine Ahike ty fahefa iaby agne an-dagnitse naho etoy an-tane.
[19]Kea mandena vaho ataovo avy mpianatro ty firenena iaby. Ataovo batisa iareo amy ty agnara ty Baba, ty Anake,
vaho ty Fagnahy Masy.[20]Ampianaro iareo hagneke ty raraha iaby ze nandiliako anareo. Ingo, miarake aminareo
avao Raho, eke te na hatramy ty fiafara zao tontolo zao kea."

# Mark

Chapter 1

[1]Toy ty fiandoha ty filazantsara ndre Jesosy Kristy, iaze Anagn'Andragnahare. [2]Arake ze voasoratse ao amy Isaia
mpitoke tihoe: "Ingo, Raho magnirake ty irako hiaolo Anao, iaze rake hagnamboatse ty lalanao. [3]Misy feo re
mikaike mafe agne amy tyy tane tsy raraha tihoe: "Amboaro vonogne ty lala ty Tompo; ataovo mahity ty lala
handehanane.""[4]Avy Jaoana, nanao batisa tagne amy ty tane agn'efetse vaho nitory ty batisa ty fifona ho amy ty
famelan-keloke noho ty haratia. [5]Ty tane ndre Jodia iaby naho ty vahoake iaby ao Jerosalema le avy namonje aze.
Nataone batisa tao amy ty sihana ndre Jordana iareo, lafa nagneke ty hafatiane. [6]Jaoana le nisike lamba volon-
drameva vaho nanao satira holitse teo am-balahane, vaho valala naho tantele rembe no nihannine[7]Nagnambara
re tihoe: "MIsy raeke ho avy magnarake ahike ze mahere mihoatse ahike, vaho tsy maeva raho na ty hagnaha ty
fehin-kanane. [8]Raho nanao Batisa anareo tamy ty rano, te Re kea hanao batisa anareo amy ty Fagnahy
Masy."[9]Tamy reo andro nahaavy ndre Jesosy bak'agne Nazareta tao Galilia ro nitsanga zay, vaho natao ndre Jaona
batisa tao amy ty sihana ndre Jordana Reke. [10]Laha vao niboake ty rano Jesosy, le hisane nisokatsy ty lagnitse
vaho nizotso teo amine manahake ty voromahilala ty Fagnahy. [11]Vaho nisy feo bak'agne an-dagnitse nanao tihoe:
"Riha ro Anako malalako. Iriha ro teako."[12]Bak'eo le nitaomy ty Fagnahy ho agne amy ty tane tsy misy raraha
Jesosy. [13]Efapolo andro Reke ro tagne amy ty tane tsy misy raraha, nala ty satana fagnahy. Nitoetse nirake tamy ty
bibily Reke, vaho nanompo Aze reo anjele.[14]Vaho lafa voasambotse Jaona le avy tao Galilia Jesosy nitory ty
filazantsara ty Andragnahare, [15]vaho nitalily tihoe: "Fa avy ty fotoa, vaho fa marine ty fanjaka ty Andragnahare.
Mifona le matokia ty filazantsara."[16]Lafa nandeha tegne sisin-dranomasy ndre Galilia Re, le nahisake ahy ndre
Simona naho Andrea rahalahy ndre Simona nagnarato, satria mpagnarato iareo. [17]Nanao tihoe Jesosy tamy iareo:
"Avia magnaraha Ahike, te ataoko mpagnarato ndaty nareo." [18]Teo no eo le nagnenga ty harato iareo le nagnarake
Aze[19]Lafa nandeha lavilavitse Jesosy le nahisake ahy ndre Jokaba ana ndre Zebedio naho Jaona rahalahine; ze tao
an-tsambokele namboatse ty harato. [20]Nikaike aiareo Reke le nengane tao an-tsambokele Zebedio babane niarake
tamy reo mpikarama, le nagnarake Aze iareo.[21]Bak'eo le avy tao Kapernaomy iareo, vaho tamy ty andro Sabata, le


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nizilike tao amy ty Synagoga Jesosy vaho nampianatse. [22]Vere tamy ty fampianarane iareo, satria nampianatse
aiereo manahake ty ndaty mana fahefa Re te tsy manahake reo mpanora-dalàgna.[23]Bak'eo nisy lehilahy raeke tao
amy ty Synagoga iareo ze nana fagnahy maloto nikoike mafe, [24]nanao tihoe: "Ino ro hifandraisanay aminao, ry
Jesosy bak'agne Nazareta? Avy hamotike anay vao Riha? Haitso tihoe ia Riha. Riha iaze Masy ty Andragnahare!"
[25]Nitsara mafe ty demne Jesosy le nanao tihoe: "Mitsigna vaho miboaha amine!" [26]Vaho iaze fagnahy maloto
nanota aze naho niboake tamine le nikaike tamy ty feo mahere.[27]Vere ty ndaty iaby, le nafagnontane iareo tihoe:
"Ino toy? Fampianara vaovao misy fahefa? Baikoine na le reo fagnahy maloto vaho magnina Aze iareo!" [28]Ty
vaovao mikasike Aze le niparitake tegne iaby tegny tao amy faritse ndre Galilia iaby.[29]Lafa baka niboake ty
synagoga, le avy tao an-tragno ndre Simona naho Andrea iareo, niarake tamy ndre Jakoba naho Jaona. [30]Vaho ty
rafozam-bavy ndre Simona nandre narary ty tazo, le nitalily iareo ahy ndre Jesosy ty mikasike aze. [31]Le namonje
Re, le nandrambe aze tamy ty tagnane, vaho nandrene aze; le afake ty tazone, vaho nanomboke nanompo aiereo
re.[32]Tamy io hariva io, tafara ty fitsofara ty masoandro, le nandesy iareo teo amine ze narare iaby na misy
demone. [33]Tafavore niarake teo am-baravara ty tao an-tanà iaby. [34]Nagnafake ndaty maro ze narere ty arete
samihafa Re vaho nandroake demone maro, te tsy nampone hitsara reo demone satria nahay Aze iareo.[35]Nifoha
maraindray bey Reke, laha mboe maike ty nadro; niala teo Re le nandeha tagne amy ty toera mitoka vaho teo
reke ro nivavake. [36]Nipay Aze Simona naho reo niarake tamine. [37]Nahisake Aze iareo vaho nitalily tamine tihoe:
"MIpay Anao ty ndaty iaby."[38]Nanao tihoe Reke: "Ndao tika ho agne amy ty toeran-kafa, agne ambalike ao amy reo
tanà magodidy, soa hazahoako mitory tegne agne kea. Te zay ro antone niboahako tatoy." [39]Le nandesy ahy ndre
Galilia iaby Reke, nitory tsara tao amy ty Synagoga iareo sade nandroake demone maro.[40]Nisy ndaty voa ty
angama raeke avy teo Amine vaho nitalily tamine tihoe: "Laha teanao le afake madio ahike Iriha." [41]Nahafirignay
aze, le namelatse ty tagnane Jesosy vaho nikasike aze, nanao tamine tihoe: "Teako Miliova iriha." [42]Niala tamine
eo noho eo ty angamay, vaho nalio re.[43]Nametse mafe aze Jesosy vaho nandefa aze. [44]Nanao tihoe Reke tamine:
"Tandremo tsy hitalily na ino na ino ami ia na amy ia riha, te mandena, asehoy amy ty mpisoro ty vatanao, vaho
manaova fagnatitse noho ty fagnadiova anao arake ty nandilia ndre Mosesy, soa ho fitsangana vavolombelo ho
aiereo."[45]Te niboake re vaho nanomboke nitilily tamy ty ndaty iaby naho nampiele loatse ty tsara le tsy afake
nizilike an-kalalaha tagne amy ty tanà iaby sase Jesosy. Le nitoetse tagne ambalike tagne amy try toera mitoka
Reke vaho namonje Aze ty ndaty bak'amy ty toera iaby.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 2

[1]Lafa nimpole tao Kapernaomy Reke afake andro kelekele, le jajy te tao an-tragno reke. [2]Maro vatane ty ndaty
nivpria teo le tsy nisy toera sase, na le ty teo am-baravara kea, vaho nagnambara ty tene tamy iareo Jesosy.[3]Le
nisy lehilahy maromaro namonje Aze ze nanday lehilahy maleme raeke; ze nitaranjoa ty ndaty efa-dahy. [4]Lafa tsy
afake namonje Aze marine iareonoho ty habetsake ty vahoake, le nafa iareo ty tafon-tragno ze teo ambone ndre
Jesosy, vaho lafa voasokatse iareo, le nampizilihy iareo ty fandrea ze nandrea iaze lehilahy maleme.[5]Lafa hisake
ty finoa iareo, le nanao tihoe Jesosy tamy iaze lehilahy maleme tihoe: "Anake, voavela ty helognao."[6]Vaho nisy
sasane tamy reo mpanoratse lalàgna nitoboke teo, le nimoemoe tao agn'arofone iareo tihoe: "[7]Nanao akore ro
ahafaha io lehilahy io mitsara manahake zay? Mitsara rate Reke! Te tsy andragnahare raeke avao vao ro afake
mamela heloke?"[8]Te Jesosy avy le nahay amy ty fagnahine ty zaka nieretrerety iareo. Vaho nanao tihoe Reke tamy
iareo: " Nanao akore nareo ro misafiry zay raraha zay ao agn'agnorofo nareo? [9]Ino ro moramora ty mitsara amy
iaze lehilahy maleme tihoe: "Voavela ty helognao' sa ty tihoe: 'Mitsangà, batao ty fandreanao, le mandena'?[10]Te
soa hahaizanareo te mana fahefa ty hamela heloke etoy an-tane ty Anagn'Ondaty," nanao tihoe Reke tamy iaze
maleme: [11]"Ataliliko aminao, mitsangàna batao ty fandreanao, le mandena agne an-tragnonao."[12]Le nitsanga re le
nibata ty fandreane eo no eo, vaho niboake ahy ize tragno magnoloa ty iaby, le vere iareo iaby le nagnome
voninahitse ahy ty Andragnahare, vaho nanao tihoe iareo: "Tsy mboe nahisake zaka manahake toy
zahay."[13]Bak'eo niboake teo amy sisin-dranomasy ndraike Reke, vaho nagnotane aze iaby ty vahoake, le
nampianarene iareo. [14]vaho lafa nandalo Re, le nahisake ahy ndre Levi ana ndre Alfeo nitoboke teo amy ty toera
famoria haba le nanao tihoe Reke tam,ine: "Magnaraha Ahike." Le nitsanga reke le nagnarake Aze.[15]Nisakafo tao
an-tragno ndre Levy Jesosy vaho mpitaky haba naho ndaty mpanao rate maro ro niara-nihina tamine naho reo
mpianane, te maro iareo ro tao vaho nagnarake AZe. [16]Vaho reo mpanora-dalàgna ze Fariseo, lafa nahisake ahy
ndre Jesosy niara-nintava tamy reo ndaty rate naho reo mpitaky haba, le nagnontane ty mpianare tihoe: "Nanao
akore Re ro miara-mitava amy ty mpitake haba naho ndaty rate?"[17]Lafa nahajanje zay Jesosy le nanao tihoe Reke
tamy iareo: "Tsy ty salama ro mipay mpitsabo; te ze marare avao ro mipay zay. Tsy avy hikaike ty ndatymare
Raho te ty ndaty rate."[18]Vaho nifaly hane reo mpianatsy ndre Jaona naho reo Fariseo. Lehilahy maromaro ro
namoje Aze le nitsara tamine tihoe: "Nanao akore ty mpiana ndre Jaona naho ty mpianatsy reo Fariseo ro mifale
hane, te ty mpianatrao kea tsy mifale?" [19]Le nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Afake mifale hane vao ty mpagnatrike
ty fangalam-bale laha mbe eo ty mpangalake? laha mbo miarake amy iareo eo ty mpangalake, le tsy afake mifale
hane iareo.[20]Ho avy ty andro hangala ty mpangalam-bale eo amy iareo, le amy zay andro zay, ro hifale hane iareo.
[21]Tsy misy manampe lamba rota amy ty lamba vaovao, laha tsy zay le hiala amine iaze tapa-damba, ty vaovao
hiala amy ty taloha, vaho holosotse ho rate ty fitatahane[22]vaho tsy misy ndaty magnisy divay vaovao ao ampo
vatavo holitse farate, laha tsy zay le ho rovitse ty divay ty holitse le sambe ho rombake ty divay naho ty svatavo
holitse. Te kea, divay vaovao atao ao ampo vatavo holitse vaovao."[23]Tamy ty andro sabata Jesosy nandeha tegne
amy ty tanembare maromaro, vaho nanomboke nitsongo voambare ty mpianane. [24]Le nanao tihoe reo Fariseo:
"Vambao, nanao akore iareo ro manao zaka tsy arake ty lalàgna ty andro Sabata?"[25]Nanao tihoe Reke tamy iareo:
"Mboe tsynivakinareo moa ze nanoe ndre Davida lafa tao amppo ty fahampia naho kere reke_ naho reo lehilahy
nirake tamine_[26]nanao akore ty fomba nizilihane tao agn'anjomba ty Andragnahare tamy ty andro ndre Abiatara
mpisorobey, le nihina ty mofo ty fagnatreha, ze tsy ara-dalàgna ho hy ia na ia ty mihina aze ankoaty ty mpisoro
avao, vaho mboe nagnomezane maromaro reo ze niarake tamine kea?"[27]Jesosy nitsara tihoe: "Ty Sabata le nanoe
ho ahy ty anagn'ondaty, te tsy ty angn'ondaty to ho ahy ty Sabata. [28]Noho zay, ty Anagn'Ondaty ro Tompo, na amy
ty Sabata ka."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Le nandeha tao amy ty synagoga ndrake Jesosy vaho nisy lehilahy mate tagna tao. [2]Nivamba marine Aze ty ndaty
sasantsasane soa hahisake laha hagnahfake aze amy ty Sabata Re soa afaha iareo magnameloke Aze.[3]Nanao tihoe
Jesosy tamy iaze lehilahy mate tagna: "Miongàha vaho mitsangana eto ampagnivoa ty ndate iaby eto. " [4]Le nitsara
tamy ty ndtay Reke tihoe: "Ara-dalàgna vao ty manao soa am,y ty andro Sabata sa ty manao rate; ty mamonjy fiay,
sa ty mahafate? Feie iareo tsy nahaboake tsara.[5]Nivamba aiereo tamin-tsiake Jesosy, vaho nalahelo Reke noho ty
hamafy ty arofo iareo, le nitsara tamy iaze lehilahy Re tihoe: "Ahitio ty tagnanao." Le naampatsy iaze lehilahy ty
tagnane le afake. [6]Niboake reo fariseo vaho ninisafiry malake niarake tamy ty Herodianaq hipay ze fomba
hamonoa Aze.[7]Bak'eo Jesosy, niarake tamy reo mpianane, nandeha agne an-dranomasy, vaho nisy vahoake maro
nagnarake bak'agne Galilia naho bak'agne Jodia [8]vaho bak'agne Jerosalema naho bak'agne Edoma naho hatragne
amy ty sihana ndre Jordana naho magnodidy ty Tyra naho Sidona. Lafa nahajanjy mikasike reo raraha nanoene
iareo, le nisy vahoake maro nandeha eo amine.[9]Le nampipay sambokele ty mpianane Jesosy ho Aze noho ty
ndaty teo, soa tsy hifanoseha ty ndaty Reke. [10]Noho Reke nagnafake ndaty maro, le nifandrombake namonje Aze
ty ndaty iaby ze nana arete soa hikasike Aze.[11]Sake ty nahisake Aze reo fagnahy maloto. le nihohoke teo
agnoloane vaho nikoaike, vaho nanao tihoe iareo: "Riha ro Anagn'Andragnahare." [12]Nitsaraine mafe reo soa tsy
hampahafantatse Aze.[13]Niakatse tegne ambone vohitse Reke, vaho nikaike reo ze teane, le nandeha amine reo.
[14]Nanendre reo folo roa amby Reke (ze kinaikine tihoe Apostoly), soa hafaha iareo miarake amine naho hafahane
mandefa aze reo mitalily ty hafatse, [15]vaho hana fahefa handroake reo demone. [16]Bak'eo le nanendre reo folo rao
ambe Reke: Simona ze nomeine agnara tihoe Petera;[17]Jakoba ana ndre Zebedio, naho Jaona rahalahine, ze
nomeine ty agnara tihoe Boanarijesy, ze midika tihoe, ana-baratse; [18]vaho Andrea, Filipo, Baritolomeo, Matio,
Tomasy, Jakoba ana ndre Alfeo, Tadeo, Simona Zelota, [19]Jodasy Iskariota, ze hamadike Aze.[20]Le noly tagne an-
tragno Reke, baho niara-niavy ndraeke ty vahoake, le lasa tsy afake nitava iareo. [21]Lafa nahajanjy ty mikasike zay
ty longone, le niboake iareo hangalake Aze, satria nitalilia iareo tihoe: vere say Reke." [22]Vaho reo mpanora-
dalàgna ze nizotso bak'agne Jerosalema le nitalily te: "Itoboha ndre Belzaboba Reke," le, "Amy ty alala ty
mpanapakr ty demone ro androahane ty demone."[23]Le kinay ndre Jesosy handeha eo amine reo le nitsara aze reo
tamy ty alala ty fagnohara tihoe:" Nanao akore ro hazahoa ndre Satana mandroake ahy ndre Satana? [24]Laha misy
fanjaka mialy an-tragno, le ho rava zay, [25]Vaho laha misy tokan-tragno mialy an-tragno, le tsy haharitse zay tokan-
tagno zay.[26]laha nitsanga nanohitse ty vatane Satana vaho nisarake, le tsy haharitse le hijano. [27]Te tsy misy afake
mizilike ao amy ty tragno lehilahy mahere raeke vaho mandrava ty fanagnane laha tsy mamatotse iaze mahere
aloha, vaho handrava ty tragnone re bak'eo.[28]Talilieko aminareo ty to, ho voavela iaby ty heloke ty anagn'ondaty,
na reo rehake rate iaby ze amboaky ty vavane kea, [29]te ze mitsara rate ty Fagnahy Masy kea le tsy ho voavela
heloke zisikam-parane, te meloke noho ty haratiane zisikam-parane." [30]Nagnambara zay Jesosy noho ty fitalilia
iareo tihoe: "Mana fagnahy maloto Reke."[31]Bak'eo le avy ty renine naho reo rahalahine vaho nitsanga tegne
ambalike. Nandefa ndaty nampahafantatse Aze iareo, le nampikaike Aze. [32]Nitoboke magnodidy Aze ty vahoake
vaho nanao tihoe iareo tamine: "Ty renegnao naho reo rahalahinao le ao ambalik'ao, vaho mipay anao
iareo."[33]Vaho Reke namale tihoe: "Ia ro reneko naho rahalahiko?" [34]Vaho nivamba magnodidy Aze Re vaho nanao
tihoe: "Vambao, reto ty reneko naho ty rahalahiko! [35]Te na ia na ia manao ty tea ty Andragnahare, le zay ndaty zay
ro rahalahiko, naho rahavaveko, vaho reneko."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

# Chapter 4

1Vaho nanomboke nampianatse teo sisy ty ranomasy ndraeke Re, vaho nisy vahoake bey nivory nagnodidy Aze.
nizilike tao an-tsambokele ze teo an-dranomasy Reke, vaho nitoboke tao amy zay. Ty vahoake iaby kea le nijano
teo sisy ty ranomasy. 2Nampianatse aiereo zaka maro tamy ty alala ty fagnaohara Reke, vaho tao amy ty
fampianarane, le zao ro nitaliliene tamy iareo.3Janjigno, nisy mpitoke handeha hitonge voa. 4Vaho laha nitongy
re, le nisy voa sasane nirarake tamy ty lala, le avy reo voro vaho nihina zay. 5ty voa ilane nirarake tamy ty tane
feno vatovato, ze tsy nisy tane fire, Avy le namake eo no ho eo iareo regne, satria tsy laike ty tane nisy aze.6te lafa
niposake ty masoandro, le nalazo iareo, vaho satria tsy nisy vahane iareo, le maike. 7Ty voa hafa nirarake tamy ty
tane feno fatike. Vaho namake niha-bey reo fatike reo le nanery aze, le tsy namoa voa.8Ty voa hafa nirarake tamy
ty tane soa le namokatse voa teo am-pitomboa vaho nihamaro, vaho ty ilane nitombo ty telopolo mihoatse, ty
sasane enempolo, vaho ty ilane zato." 9Bak'eo le nanao tihoe Reke: "ze manan-tsofy handesy mijanje, lonike re
hijanje!"10Lafa arere Jesosy, le nagnontane Aze mikasike io fagnohara io reo ze marine Aze naho reo mpianane
folo roa ambe. 11Nanao tihoe Reke tamy iareo: "Ho anareo ro nagnomeza ty zaka-mivone ty fanjaka ty
Andragnahare. te ho ahy reo ze agne ambalike le fagnohahara iaby, 12soa amy ty fotoa hagnetea iareo, eka hignete
iareo, feie tsy hahisake, vaho soa amy ty fotoa hijanjigna iareo, egne hahajanjy iareo, feie tsy hahay zay, na kea
hiodike iareo le hamindra arofo amy reo Andragnahare."13Vaho nanao tihoe Re tamy iareo: "Tay azonareo vao zay
fagnohara zay? Nanao akore avao ro hahazoanareo reo fagnohara hafa iaby? 14Iaze mpambole ze mitoke ty voa le
iaze raeke ze mamafe ty tsara. 15Reto ro iazenirarake tegne an-dala, ze nitongise ty tsara, te lafa janjy iareozay, le
avy Satana vaho hanagalatse ty tsara ze voatonge tamy iareo.16Reto ro iaze voatonge tamy ty tane feno vatovato,
ze, lafa nahajanje ty tsara, le nandrambe zay eo no ho eo tami-pifalea. 17Tsy misy vahane ao amy iareo reke, te
maharitse fotoa fohike avao. Le avy ty fahoria na ty fagnenjeha noho ty tsara, le eo no ho eo le lavo iareo18Reo
hafa ro iaze voatongy tamy ty tane feno fatike. Janjy iareo ty tsara, 19te ty fisalasala zao tontolo zao, ty famitaha ty
hanagna, naho ty fimpiava ty raraha hafa le tafilitse le nanery ty tsara, le tsy mamoa vokatse zay. 20Vaho reo ze
voatongy tegny amy ty tane soa le reo ze mandre ty tsara vaho mandrambe zay, le namoa vokatse iareo_ telopolo,
enempolo, na mihoatse zato ambone ze tinongy."21Jesosy nitsara tamy iareo tihoe: "Nao andesinao ao an-tragno
vao ty jiro soa ho atao ao ambane haro, na ambane ty fandrea? Andesinao mizilike zay le hanoenao ambone ty
fitobohan-jiro. 22Te tsy misy zaka-mivone ze tsy ho hay, vaho tsy misy tsiambaratelo ze tsy hiboake. 23Laha misy
manan-tsofy handesy mijanje, lonike reke hijanje!"24Nanao tihoe Re tamy iareo: "Mitoa amy ty tsara ze janjinareo,
te arakarake ty ohatse anoharanareo avao, ro anohara anareo, vaho ho amea aminareo zay. 25Satria na ia na ia
mana, le hone maro vatane reke, vaho na ia na ia tsy mana, na ze anagnane kea hafaha amine."26Vaho nanao
tihoe avao Reke: "Ty fanjaka ty Andragnahare le manahake ty ndaty raeke hafa mitongy ty voane amy ty tane.
27Matory reke amy ty halike mifoha amy maraindray, vaho ty voa le mamake le mitiry, te tsy haine tihoe manao
akore. 28Ty tane le mamoa amy ty vatane avao: Voalohane ty rantsane, bak'eo ty tahone, bak'eo ty voa matoe eo
amy ty tahone. 29Vaho lafa matoe ty voa le lasa reke le handefa fijinjagna, te fa avy ty fotoam-pijinjagna."30Vaho
nanao tihoe ndraeke Reke: "Ino ro azontika ampitovize ty fanjaka ty Andragnahare, na ino ro fagnohara
hampiasantika hagnazava zay? 31Zane le manahake ty voatsinampe ze, lafa hitongy, le re ro voa kele loatse amy ty
voa iaby etoy ambone ty tane. 32Feie, lafa voatonge zay, le mamake vaho lasa bey noho ty hetae iaby, vaho mamoa
rantsa befoloay, le azo ty voromitily hanaova ty tagnone eo amy ty alokalone."33Vaho fagnaohara maro manahake
zay ro nagnamabarane ty tsara tamy iareo aze, 34vaho tsy nitsara tamy iareo ankoatsy tamy ty fagnohara Reke.
Feie lafa arere Reke, le nihazavaine tamy reo mpianane manoka ty raraha iaby.35Tamy zay andro zay, lafa avy ty
halike, le nanao tihoe Reke tamy iareo: "Ndao tika hiampita eroy am-pita." 36Le niala teo amy reo vahoake iareo,
nanday ahy ndre Jesosy niarake tamy iareo, laha igny Reke, tao ampo ty sambokele igny. Nisy sambokele hafa
nandeha niarake tamine. 37Bak'eo nanomboke nisy tafio-tioke bey vaho ty onjan-drano nanafotse ty sambokele le
fa saike feno rano ty sambokele.38Vaho Jesosy arere natory teo ambody ty sambokele, tambone ty onda. NIfohaze
iareo Reke, nanao tihoe: "Mpampianatse, tsy mampanino Anao zao laha ho mate eto tika?" 39Laha nifoha Reke, le
nitsara mafe tamy ty tioke, vaho nitsara tamy ranomasy tihoe: "Mitofa! milamina!" Vaho nitofa ty tioke, le nisy
filamina bey.40Vaho nanao tihoe Reke tamy iareo: "Nanao akore nareo ro matahotse? Mboe tsy manam-pinoa avao
vao nareo?" 41Feno tahotse iareo le nifampitsara tihoe: "Ia moa toy, te na ty tioke naho ty ranomasy kea magneke
Aze?"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 5

[1]Avy tagne andafy ty ranomasy iareo, tao amy ty faritse ndre Gerasena. [2]Lafa niala bak'ao amy ty sambokele
Jesosy, eo noho eo le nisy lehilhay raeke azo ty fagnahy maloto namonje Aze bak'egne amy ty valavato[3]Nitoboke
tegne amy ty valavato toy lehilahy toy, Tsy nisy afake nitanjake aze sase, na le tamy ty silisily. [4]Voarohy imaro
tamy ty gadra vy maho silisile re. Nitapahane reo silisile vaho potike reo gadra vy. Tsy nisy nana here narohy aze.
[5]Sake halike naho san'andro tegne amy reo valavato naho tegnyam-bonevohitse, le nikoaikoaike reke vaho
nadrasy ty vatane tamy ty vato maragnitse. [6]Lafa nahisake ahy ndre Jesosy bak'agne lavitse reke, le nilailay
nandeha eo amine vaho nihohoke teo agnoloane.[7]Vaho nikoaike tamy ty feo mahere reke tihoe: "Ino moa ro
ifandraisako aminao, ry Jesosy, Anagn'Andragnahare Ambone Loatse? Mangatake anao amy ty agnara ty
Andragnahare raeke avao raho, ko mampijale ahike." [8]Te Reke nitsara tamine tihoe: "Miboaha amy io lehilahy io,
fagnahy maloto."[9]Vaho Reke nagnontane aze tihoe: "Ia ty agnaranao? Le nivaleane tihoe: "Legiona ro agnarako,
satria marobe zahay." [10]Vaho nangatake mafe tamine avao reke tsy handroake aiereo agne ambalike ty faritse.
[11]Vaho nisy antokon-kisoa niroake tegne ambone vohitse, [12]vaho natangake tamine iareo, nanao tihoe: "Alefaso ao
amy reo koso zahay; apoho zahay hizileke ao amy reo." [13]Le napone iareo; vaho niboake reo fagnahy maloto le
nizilike tao amy reo koso, vaho lasa le nilay tegne amy ty hantsa ho agne andranomasy reo, vaho koso teo amy ty
roa arivo teo ro mate an-dromasy.[14]Nitoake nilay reo namaha ty koso vaho nitatitse ty zaka-niseho tao an-tanà
naho tane ambanevohitse vaho ndaty maro ro niboake hivamba ty zaka-niseho. [15]Bak'eo iareo nandeha eo amy
ndre Jesosy vaho hisa iareo iaze lehilahy nitoboha ty demone, iaze raeke ze nitoboha ty legiona, nitoboke teo,
nisike vaho vore say; le natahotse iareo.[16]Reo ze nahisake ty zaka-niseho tamy iaze lehilahy nitoboha ty demone
le nitalily tamy iareo ty mikasike zay tamy ty fandeha ty raraha, vaho kea nitalily mikasike reo koso tamy iareo.
[17]Le nanomboke nangatake Aze iareo soa hialane eo amy ty faritse iareo.[18]Lafa hiakatse tao amy ty sambokele Re,
le nangatake tamine iaze lehilahy nitoboha ty demone soa hiarake amine. [19]Feie tsy nagnenga aze Jesosy, te nanao
tamine tihoe: "Mandena moly agne amy ty tragnonao naho ty longonao vaho talilio amy iareo ze natao ty Tompo
taminao, naho ty namindrane ty arofone taminao!" [20]Le lasa noly reke vaho nanomboke nagnambara ty zaka-bey
ze natao ndre Jesosy tamine tagne Dekapolisy, vaho vere ty iabe.[21]Vaho lafa nandeha tegne am-pita ndraeke
Jesosy, tamy ty sambokele, le ndreo nisy vahoake lahiale nivore nagnodide Aze, laha teo sisy ty ranomasy igny Re.
[22]Bak'eo avy ty raeke amy reo mpitarike ty synagoga, atao tihoe Jairo, le laha vao nahisake Aze, Le niantorake teo
an-tombone. [23]Nitalaho avao reke, nanao tihoe: "Marare mafe fa ho mate ty anak'ampelako. Misoloho aminao
raho, avia vaho apoho amine ty tagnanao soa ho afake naho velo re." [24]Le lasa niarake tamine Reke, vaho vahoake
lahilahy ro nagnarake naho nanere nagnodide Aze.[25]Vaho nisy ampela raeke teo azo ty fahaverezan-dio agnate ty
folo roe ambe tao. [26]NIjale bey vatane re vaho nitsetsike mpitsabo maro naho nandane ty fanagnane iaby, feie tsy
nahisake fahasitragna te vao nihalotse niharate. [27]Lafa nahare reo tatitse mikasike andre Jesosy reke, le nandeha
tao farane tao ampo vahoake reke vaho nikasike ty fisikinane.[28]Satria nanao tihoe reke: "Laha mahakasike ty
lambane avao raho, le ho afake." [29]Lafa nikasike Aze re, le nijano ty fahaverezan-dio, vaho tsapane hatragny
ampone te afake tamy ty aretine reke.[30]Hay ndre Jesosy niarake tamy zay te nisy here niala bak'amine. Nitolike
tagne amy ty vahoake Reke vaho nitsara tihoe: "Ia ro nikasike ty fisikinako?" [31]Le namale Aze reo mpianane tihoe:
"Vambanao reo vahoake lahiale mifanosike aminao reo, kea nanao tihoe Riha: " Ia ro nikasike Ahike." [32]Te
nivamba magnodide Aze Jesosy soa hahisahane ze nanao zay.[33]Iaze ampela, nahay ze niseho tamine, le natahotse
naho nititike. Nandeha reke vaho niantorake teo agnoloa ndre Jesosy le nitalily tamine ty to iaby. [34]Le nanao tihoe
Jesosy tamine: "Anake, ty finoanao ro nahaafake anao. Mandena amy ty fiadagna vaho Afake amy ty
aretenao."[35]laha mboe nitsara Rek, le avy ty ndaty sasane bakagne amy ty mpitarike ty Synagoga, nanao tihoe: "Fa
mate ty anagnao. Nanao akore ro mboe manahira ty mpampianatse avao?"[36]Te lafa nahajanje ze nitalily iareo
Jesosy, le nanao tihoe Reke tamy iaze mpitarike ty synagoga: " Ko matahotse. Minoa avao." [37]Vaho tsy nisy napone
hiarake amine, ankoatsy Petera, Jaoba, vaho Jaona, rahalahy ndre Jakoba. [38]Avy tagne an-tragno iaze mpitarike ty
synagoga iareo vaho nahisake ndaty nikorakorake bey teo Reke; nitomagne naho nigogogogo mafe iareo.[39]Lafa
nizilike ty tragno Reke, le nanao tihoe Reke tamy iareo: "Nanai akore nareo ro mikorakorake naho mitomagny?
Tsy mate ty ajaja te matore." [40]Nihehy aze iareo. Feie naboakine tagne ambalike iareo iaby vaho nangalake ty
raeke naho rene ty iaze ajaja naho reo ze niarake tamine, vaho nizilike tao amy ty efitse nisy iaze ajaja Reke.
[41]NIraisine ty tagna iaze ajaja vaho nitsara tamine tihoe: "Talita, komy!" ze laha adika le tihoe: "Ajaj'ampela,
mitsara aminao Raho, mitsangàna." [42]Avy hatragne le nitsanga ajaj'ampela vaho nandeha(satria folo roa ambe tao
reke). Vere avy hatragne iareo. [43]Niraràne mafe iareo soa tsy hisy na ia na ia hahay ty mimkasike zao. Bak'eo le
nangatahine nomea hane ajaj'ampela.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

1Niala io toera io Reke le namonje ty tanindrazane, vaho nagnarake Aze reo mpianane. 2Vaho lafa avy ty andro
Sabata, le nampianatse teo amy ty synagoga Reke. Maro ty ndaty nahajanje Aze le vere iareoe. Nanao tihoe iareo:
"Bak'aia ro nahazoane reo fampianara reo?" "Ino zao fahendrea ze nomeine Aze zao?" "Ino reo haveregna ze
nataone tamy tagnane reo?" 3"Tasy iaze mpanmdrafitse vao io, iaze ana ndre Maria vaho rahalahy ndre Jakoba
naho Josesy naho Jodasy vaho Simona? Tsy miarake amintika etoa vao reo rahavavine?" Nalahelo tamy ndre
Jesosy iareo.4Vaho nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Tsy misy mpitoke tsy omein-kase ankoatse ao amy ty
tanindrazane naho ao amy ty longone marinike vaho ao amy ty hasaveragnane arere avao." 5Tsy afake nanao asa
mahavere Reke, ankoatsy ty fametrahanne tagne amy ty marare kelekele vaho magnafake aiereo. 6Vere noho ty
tsy finoa iareo Reke. Bak'eo nandeha nagnodidy reo tanà Reke Hampianatse.7Bak'eo le nikaike reo folo roa ambe
lahy Reke vaho nanomboke nagnirake aiereo kiroekiroe, vaho nameane fahefa teo amy ty fagnhy maloto iareo,
8vaho nandily aiereo tsy handay na ino na ino amy ty liane, na mofo, na kitapo, ndrala amy ty setira iareo_
ankoatsy fitogno avao_ 9Te hanao hana, vaho tsy hanao akanjo roe.10Nanao tihoe Reke tamy iareo: "Na ombia na
ombia nareo mizilike amy ty tragno raeke, le mitoboha ao mandra-pialanareo agnhe. 11Vaho laha misy tanà tsy
mandrambe anareo na mijanje anareo, lafa miala ao amy zay toera zay narep, le ampopoho ty vovoke amy ty
tombonareo soa ho fijoroa vavolombelo amy iareo."12Le niala iareo vaho nitore tebty ndaty le tokone hifona amy
ty harateane. 13nandroake demone maro iareo, le nagnosotse marare lahiale tamy ty menake le nagnafake aze
regne.14Janjy ndre Heroda mpanjaka zay, satria lasa fanta-daza ty agnara ndre Jesosy. Ty ilane nitalily tihoe:
"Nitsanga tamy ty maty Jaona mpanao batisa vaho noho zay, le miasa ao apo reo here mahavere reo." 15Teo ilane
kea mitalily tihoe: Elia Reke." Ty ilane mboe nitsara tihoe: "Mpitoky Reke, manahake raeke amy reo mpitoke tamy
ty andro taolo."16Te lafa nahajanje zay Heroda le nanao tihoe reke: "Jaona, iaze nitapahiko loha, ro nitsanga tamy
ty mate." 17Te heroda ro nampisambotse ahy ndre Jaona le nandefa aze tagne an-tragnomaike noho ty raraha
Herodiasy (vale ndre Filipo rahalahine), satria nivaline ampela igne.18Te Jaona nitsara ahy ndre Heroda tihoe:
"Tsy arake ty lalàgna ty hanambalianao ty valy ty rahalahina." 19Te nasiake tamine Herodiasy le nipay ze
hamonoa aze, feie tsy afake, 20noho ty fatahora ndre Heroda ahy ndre Jaona; haine te ndaty marene naho feno
fahamasina reke, vaho niaro aze reke. Nanahiran-tsay aze ty fihenioa aze, feie mboe nijanje aze tamim-pifalea
reke.21Bak'eo nisy irike tamy ty fitsingeregna ty tao niteraha ndre Horada le nanao fagnamabara ho ahy reo
lehibeine, naho reo mpifehine, vaho reo mpitarike ty Galilia reke. 22Le nizilike ty efitragno fagnasa ty
anak'ampela Herodiasy vaho nisijake ho aiereo, vaho nahafinaritse ahy ndre Heroda naho reo mbahine
nagnambarane tamy ty fitava reke. Nanao ty mpanjaka tamy ty ajaj'ampela tihoe: "Angataho amiko ze iaby
teanao le omeko anao zay.23Vaho nifanta tamine reke nanao tihoe: "Na ino na ino angatahinao amiko, le homeiko
anao, hatramy ty antsasake ty fanjakako." 24 Le niboake reke vaho nitsara tamy ty renine tihoe: "Ino ro tokone
angatahiko amine?" Le nanao tihoe renine: "Ty loha ndre Jaona mpanao Batisa." 25Teo no ho eo le nimpole tagne
amy ty mpanjaka reke, le nangatake, nanao tihoe: "teako omeanao ahike, henane zao, eo ambone finga ty loha
ndre Jaona mpanao batisa."26Na le nampalahelo mafe ty mpanjaka kea zay, le tsy afake nandà ty fangatahane
reke noho ty fifantane nataone naho reo mbahinine nagnambarane tamy ty fitava. 27Noho zay le nandily
miaramila rake bak'amy ty mpiambe ty mpanjaka vaho nandily aze handay ty loha ndre Jaona ho eo amine. Lasa
iaze mpiambe vaho nanapake ty lohane tao an-tragnomaike. 28Nandesine teo ambone finga ty lohane vaho
nomeine ahy ty ajaj'ampela, vaho iaze ajaj'ampela nagnomey zay an-drenine. 29Lafa nahajanje zay reo mpianane,
le avy iareo vaho nangalake nofone le nampipoke zay tao am-balavato30Nimpole tagne amy ndre Jesosy reo
apostole vaho nitalily tamine ze iaby vita iareo naho nampianary iareo. 31Vaho nanao tihoe Re tamy iareo: "Ndao
tika ho agne amy ty tane tsy misy raraha le hitofa kele." Te maro ty ndaty ro nivezeveze, vaho tsy nanam-potoa
hinana mahatanjake iareo. 32Le nandeha an-tsambokele iareo soa ho agne amy ty tane tsy raraha.33Te iareo
nahisake aiereo nandeha vaho lahiale ro nahay aiereo, le niara- nilailay an-tamboke bak'agne teo amy tanà iaby
iareo, vaho teo taolo iareo. 34Lafa avy tegne amy ty sisine iareo, le nijilo vahoake maro Reke vaho nahaferegnay
aiereo Reke satria manahake ty aondre tsy mana mpiarake iareo. le nanomboke nampianatse zaka maro aiereo
Reke.35Vaho lafa hariva ty andro, le namonje Aiereo mpianane le nanao tihoe: "Toera tsy mihy raraha toy vaho ty
andro fa marine ho hariva kea. 36Alefaso iareo soa handehanane agne amy reo vohitse naho tanà magnodide
hivile hane aho ahy ty vata iareo."37Te namale Reke le nanao tamy iareo tihoe: "Ameonareo zaka hoane iareo." Le
nanao tihoe iareo tamine: "Afake mandeha vaho mivile mofo azo ty denaria roanjato vao zahay le ganome zay
aiereo hoane?" 38Le nanao tihoe Reke tamy iareo: "Firy ty mofo anagnanareo? Mandena vaho heteo." Lafa hisane,
le nanao tihoe iareo: "MOfo lime naho fia roe."39Le nadile ty ndaty iaby soa hitoboke mitsitokotoko teo amy ty
ankata maitso Reke. 40Le nitoboke an-tokone iareo; an-tokone zato naho dimampolo. 41Nagalake reo mofo lime


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

naho fia roe Reke, niandrandra ty lagnitse le nisaotse le nizarazara ty mofo vaho nagnome zay tamy ty reo
mpianane soa homeine eo agnoloa ty ndaty. Nizaraine avao kea ty fia roe ho ahy iareo iaby.[42]Le nihina iaby iareo
zisike nahavoke aiereo. [43]Nala iareo ty sisasisa mofo, zay nahafeno roambinifolo haro, vaho kea sisasisa reo fia.
[44]nisy dime arivo lehilahy nihina ty mofo.[45]Teo no ho eo le nangatahine niakatse tao an-tsambokele reo mpianane
soa hiaolo Aze ho egne ampita, ho agne Betsaida, laha nandefa ty vahoake Reke. [46]Lafa lasa iareo, niakatse tagne
ambone vohitse Reke soa hivavake. [47]Avy ty hariva, vaho fa teo agnivo ty ranomsy ty sambokele, te re raeke tegne
an-tane.[48]Vaho hisane te sahira mafe iareo nive ty sambokele, satria nanohitse mafe aiereo ty tioke. Tokone amy
ty ora fiambena fahefatsy ty halike le nandeha o amy iareo Reke, nandeha tegn ambone ranomasy, vaho te-
handalo teo amy iareo Reke. [49]Te lafanahisake AZe nandeha tegne ambone ranomasy iareo, le natao iareo ho
angatse Reke le nikoaikoaike iareo, [50]satria nahisake Aze iareo le natahotse. Teo no eo le nitsara tamy iareo Reke
le nitalily aiereo tihoe: "Matokia! Raho avao toy! Ko matahotse!"[51]Vaho nizilike tao an-tsambokele niarake tamy
iareo Reke, le nijano tsy nitioke ty tioke. Le vere iaby iareo. [52]Vaho Tsy taka ty say iareo ty dika iaze mofo. Te kea,
nihamafe ty arofo iareo.[53]Lafa tafita iareo, le avy tao Genesereta reo le ninjano tao. [54]Vaho lafa nizotso bak'ao amy
ty sambokele iareo, avy hatragne le hay ty ndaty tao Reke, [55]le nilailay feno ty faritse iaby iareo vaho nanomboke
nanday ty marare tamy ty fandreane tagne amy ze iaby heno iareo misy Aze.[56]Te na aia na aia nalehane na an-
tanà, na tanàm-bey, na tegne amy ty vohitse kele, le napo iareop teo amy ty kianja ty marare. Nangatake Aze
iareo soa hagnenga aiereo hikasike ty rambo ty akanjone, vaho reo maro ze nikasike Aze le afake.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 7

[1]Reo fariseo naho ty mpanoratse lalagna ilane ze bak'agne Jerosalema le avy nivory nagnodidy Aze.[2]Vaho hisa
iareo ty mpianane ilane nihina mofo tamy ty tana tsy voasasa. [3](Ty fariseo naho ty JIosyt iaby le tsy mihina lahy
tsy fa nanasa ty tagna iareo, satria magnarake ty fombafomba reo ndaty bey.) [4]Vaho lafa mimpoly bak'agne an-
tsena reo Fariseo, le tsy mihina iareo laha tsy baka niamdro, vaho mitao fomba maro hafa mafe iareo, manahake
ty fanake saba, vaho ty fandre ze ihinana iareo.)[5]Reo Fariseo naho ty mpanoradalagna nagnontane ahy ndre
Jesosy tihoe: "Nanao akore ty mpianatsinao ro tsy mandeha arake ty fombafomba reo ndaty, te mihina ty mofo
iareo amy ty tagna tsy voasasa?"[6]Feie Nanao tihoe Reke tamy iareo: "Isaia nitoke soa mikasike anareo
mpihatsaravelatsihy. nisoratane tihoe: 'Toy vahoake toy miasy Ahike amy ty sognine te ty arofone kea lavitse
Ahike. [7]Ravao ty fivavaha omea iareo Ahike, laha mampianatse ty fitsipiky ondaty ho fampianara
iareo.'[8]Afoinareo ty lily ty Andragnahare le tananareo mafe ty lily ty ndaty." [9]Vaho nanao tihoe Reke tamy iareo:
"Manahake ty manao akore ty fagnarianareo ty lily ty Andragnahare soa hiambenareo tyy fomban-drazanareo!
[10]Te nanao tihoe Mosesy: 'Miasia ty raenao naho ty reninao,' vaho kea 'Ze misafa rate ty babane na ty renine le ho
mate vatane.'[11]Nefa nareo mitsara tihoe: 'Laha misy lehilahy raike mitsara ty raene na ty renine tihoe: "Na ino na
ino teanao ho azo tamiko le fa korbana,"' ( zane hoe: "Nomey ahy ty Andragnahare') -- [12]le tsy aponareo hanao na
ino na ino amy ty babane naho ty renine sase reke. [13]Mandrava ty tsara ty Andragnahare nareo noho ty fomban-
drazanareo ze nitajanareo. vaho rarah maro mitovy amy zayt keo ro anoenareo.'[14]Vaho nikaike ty fokonolo
ndraeke Reke le nitsara tamy iareo tihoe: "Mijanjigna Ahike, nareo iaby, le fantaro. [15]tsy misy raraha bak,eo
ambalike ze mizilike ao ampo ty ndaty mampaloto aze lafa mizilike ao amine. Te ze miboake bak'ao ampo ty
ndaty ro mampaloto aze." [16]Ty fandika soa loatse le tsy magnisy ty andinine faha 16: Laha misy manan-tsofy
hijanjigna, lonike re hijanje.][17]Vaho lafa niala teo amy ty vahoake Jesosy le nizilike tao an-trgno, ty mpianane
nagnontane Aze mikasike iaze fagnohara. [18]Nanao tihoe Jesosy tamine: "Nareo kea vao mboe tsy mana fahalala?
Tsy hisanareo vao te ze iaby mizilike ao ampo ty ndaty bak'agne ambalike le tsy mampaloto aze, [19]satria tysy
afake mizilike ao agn'arofone zay, te ao an-kone avao le miboake agne amy ty fiboahane?" Tamy zay fagnambara
zay le naha avy ty hane iaby ho malio ndre Jesosy.[20]Nanao tihoe Reke: "Ze miboake bak'ao ammy ty ndaty ro
mahaloto aze. [21]Te bak'ao ampo ty ndaty, bak'ao am-pone, ro iboaha ty sain-rate, ty fahavetaveta, ty halatse, ty
famonoa ndaty, [22]ty fijangajanga, ty fagniria, ty haratiam-pagnhy, ty fitake, ty fipozipozia, ty fialona, ty fiatana
vande, ty avognavo, ty hadala. [23]Zay zaka rate iaby zay ro miboake bak'ao ampo ty ndaty, vaho reo ro mahaloto
aze."[24]Niala teo Reke le lasa nandeha tagne amy ty faritse Tyro naho Sidona. Nizilike tao an-tragno raeke Reke
vaho tsy teane ho hain'ia na ia te tao Reke, nefa tsy afake nitolike. [25]Nefa niarake tamy zay le nisy ampela raeke,
ze nisy fagnahy maloto raeke ty anak'ampelane kele, nahajanje ty amine, avy nihohoke teo an-tombone. [26]Vaho
Grika iaze ampela, Syro-foinika ro niaviane. Nangatake Tamine reke soa hamoake ty demone hiala amy ty
anak'ampelane.[27]Nanao tihoe Re tamine: "Lonike homean-kane aloha ty ajaja. Satria tsy mete ty mangalake ty
mofon-jaza le manorake aze ho ahy ty amboa." [28]Nefa namale reke le nanao Tamine tihoe: "Eka, Tompo, te na ty
amboa ao ambane latabatse kea le soa mahina ty sombentsombene amy ty mofon'ajaja."[29]Le nanao tihoe Reke
tamine: "Noho zay tsaranao zay, afake mandeha riha,. Fa niboake tamy ty anak'ampelanao ty demone". [30]Vaho
laha nipole tagne an-tragnone rampela le nahisake ty aja nandre teo ambone ty kombane, vaho ty demone fa
niala.[31]Vaho Jesosy niboake ndraeke niala ty faritse Tyro, le namake ahy ndre Sidona hatragne amy ty Ranomasy
ty Galilia le niakatse ty faritse Dekapolisy. [32]Vaho nandesy iareo teo Amine ty ndaty raeke maregne naho sahira
laha mitsara, vaho nisoloho Tamine iareo soa hametrahane ty tagnane amine.[33]Nanday an-dralehilahy navake
niala teo amy ty vahoake Reke, le nametrake ty rambon-tagnane tao an-tsofine Reke, vaho laha baka nandrora, le
nikasike ty lelane. [34]Le niandrandra ty lagnitse Reke, Le nifoay le nanao tamine tihoe: "Efata," ty tihoe: "Maladia!"
[35]Vaho tsy ela teo ty sofine le nahare, vaho ze namatotse ty lelane le potike vaho afake nitsara mazava soa reke.
[36]Vaho Jesosy nandrara aiereo tsy hitalily na amy ia na amy ia. Feie na nirara iareo, vao lositse nampiele zay
vatane. [37]Le vere iaby ty ndaty, le nitsara tihoe: "Nanoene soa iaby ty zaka iaby. Nataone mahare kea ty maregny
vaho mitsara ty moa."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 8

[1]Tamy zay andro zay, le nisy vahoake marobe ndraeke, vaho tsy nanankohane iareo. le nikaike ty mpianane
Jesosy vaho nitsara tamy iareo tihoe: [2]"Mampalahelo Ahike reo vahoake, satria fa telo andro reo ro nanohy
niarake tamiko vaho tsy manan-kohane. [3]Lafa alefako moly agne An-tragnone tsy mitava reo, le mete ho tora an-
dala. Te ilane amy iare le bak'agne amy ty lala lavitse." [4]Namale Aze reo mpianane tihoe: "Aia ro hahazoantika
mofo ampe hamokisa reo vahoake reo etoy an-tane tsy misy raraha manahake zao?"[5]Nagnontane aiereo Reke
tihoe: "Firy ty mofo anagnanareo?" Nanao tihoe iareo: "Fito" [6]nandily ty vahoake soa hitoboke amy ty tane Reke.
Nirambesine ty mofo fito, le nisaotse Reke, vaho nanapake reo. Nomeine ty mpianane zay soa ho zara iareo amy
ty vahoake, vaho napo iareo teo agnoloa ty vahoake zay.[7]Vaho nana fia kele tsy ampe avao kea iareo, lafa baka
nisaotse reo Re, le nandily reo mpianatse soa handroso zay kea Reke. [8]Le nihina iareo le voke, vaho nala iareo ty
sombetsombine sisa, ze nahafeno haro fito befoloay. [9]Tokone ho efats'arivo teo ho eo ty ndaty tamy zay. bak'eo le
nalefane noly iareo. Bak'eo le nalefane noly iareo. [10]Avy hatragne l niakatse tao an-tsomboke niarake tamy reo
mpianane Rek, vaho nandeha aggne amy faritse ndre Dalmanota iareo.[11]Le niboake reo fariseo vaho nanomboke
nifandietse tamine. Nipay famantara bak'agne an-dagnitse tamine iareo, soa hitsapa Aze. [12]Nifoay lalike tagne
amy ty fagnahine Reke vaho nitsara tihoe: "Nanao akore ro mipay famantara toy taranake toy? Feie ataliliko
aminareo ty to, te tsy misy famantara omea toy foko toy zao." [13]Vak'eo le nagnenga aiereo Reke, niakatse tao an-
tsambokele ndraeke, vaho niala lavitse ho egne am-pita.[14]Vaho aligno ty mpianatse ty nanday mofo niarake tamy
iareo. Tsy nana mihoatse ty raeke iareo tao ampo sambo. [15]Le nampitao aiereo Reke le nitsara tihoe: "Miambena
vaho mitaoa amy ty masirasira reo Fariseo naho tyy masirasira ndre Heroda."[16]Le nifagnontane tegna ty
mpianatse tihoe: "Noho tika tsy mana mofo zay." [17]Hay ndre Jesosy zay, vaho nanao tihoe Reke tamy iareo: "Nanao
akore ro amy ty tsy fanagna mofo ty fisaignanareo? Mboe tsy azaonareo vao? Mboe tsy takanareo vao? Nanjare
donto vao ty arofonareo[18]Mana maso nareo, te tsy mahisake vao? Manan-tsofy nareo, te tsy mahare vao?
Halignoanreo vao? [19]Lafa nanapake ty mofo lime ho ahy ty ndaty dimy arivo Raho, le haro fire feno
sombetsombine mofo ro navorinareo?" Nanao tihoe tamine tihoe: "Roambinifolo."[20]Lafa nanapake reo mofo fito
ho ahy ty ndaty efats'arivo Raho, firy sobike ty ambine navorinareo? Nanao tihoe iareo tamine: "Fito." [21]Vaho
nanao tihoe Reke: "Mbe tsy takatsinareo avao vao?"[22]avy tane Betsaida iareo. Vaho nisy goa raeke nandesy ty
ndaty teo amine vaho nangatahy iareo Jesosy soa hikasike aze. [23]nandesy ndre Jesosy tamy ty tagna iaze goa, vaho
nitarike aze hiboake ty tanà. Lasfa nandora teo amy ty masone Reke vaho nametrake ty tagnane teo amine, le
nagnontane aze Reke tihoe: "Mahisaky raraha vao riha?"[24]Le nitraka reke, le nitsara tihoe: "Mahisake ndaty
manahake ty hetae mandehandeha raho." [25]Napo ndre Jesosy teo amy ty masone ndraeke ty tagnane, vaho
nimpole tamy ty vatane ie ty fahisahane, vaho nahisake mazava soa ty zaka iaby re. [26]Le nalefa ndre Jesosy noly
reke vaho nitsaraine tihoe: "Ko milizike ao an-tanà."[27]Nandeha Niboake Jesosy naho ty mpianane nandeha agne
amy ty tanà ndre Kaisaria Filipo. Tegne an-dala le nagnontane reo mpianane Reke tihoe: "Hatao ty ndaty ho ia
moa Raho?" [28]Namale Aze iareo le nitsara tihoe: "Jaona mpanao batisa. Ty hafa mitsara tihoe: 'Elia', vaho ty hafa
tihoe: 'Raeke amy reo mpitoke.'"[29]Nagnontane Aiereo Reke tihoe: "Te nareo kea manao Ahike ho Ia?" Le namale
Aze Petera tihoe: "Riha ro Kristy. [30]Nampitao aiereo Jesosy tsy hitalily ty mikasike Aze na amy ia na amy ia.
[31]Nanomboke nampiantse aiereo Reke te tsy maintse hijale ty Anagn'Ondaty, vaho tsy heke ty ndaty bey naho reo
loha ty mpisoro vaho mpanoratse lalàgna, vaho ho vonoa, le hitsanga amy ty mate afake telo andro. [32]Nitaliliene
mazava soa zay. Bak'eo kinay ndre Petera amy mangingike Jesosy la nanomboke nitsa mafe Aze.[33]Lafa nitolike
Jesosy le nivamba reo mpianane vaho bak'eo nitsara mafe ahy ndre Petera le nanao tihoe: "Mindrisoa lavitse
Ahike, satane! Tsy mandiniiek ty raraha ty Andragnahare riha, Te ty raraha ty ndaty. [34]Bak'eo le nikaike ty
vahoake naho ty mpianane niarake Reke, vaho nanao tihoe Re tamy aireo: "Laha misy te-haganarake Ahike, le tsy
maintse mandà ty vatane re, managalake ty hetae fijaleane, vaho magnarake Ahike.[35]Na ia na ia te-hamonje ty
fiaine le hahavere zay, vaho ze mahavere ty fiaine noho ty amiko naho ty filazantsara, le hahavonje zay. [36]Te ino
zane ro tombotso azo ty ndaty raeke, laha mahazo zao tontolo zao, vaho bak'eo vere ty fiaine? [37]Ino ro afake omey
ty ndatry raeke ho takalo ty fiaine?[38]Na ia na ia megnatse ahike naho ty tsarako eto amy toy taranake
mijangajanga naho mpanao rate toy, le ho megnatse aze avao kea ty Anagn'Ondaty lafa avy ao amy ty hasine ty
Babane miarake amy reo anjele maasy Reke."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 9

[1]Nanao tihoe Reke tamy iareo: "Atalilikо aminareo ty vatane to, te misy aminareo mitsanga etoa ro tsy hagnandra
zay fahafatesa zay mialoha ty hahisaha iareo ty fanjaka ty Andragnahare ze ho avy amy ty here befoloay." [2]Vaho
enegn'andro tatoy afara, nandesy ndre Jesosy niarake tamine Petera naho Jakoba vaho Joana tegne ambone
vohitse ambo, Vaho iareo arere ro tagne. Bak'eo niova tarehe teo agnatreha iareo Reke. [3]Ty fisikinane niova
namirampiratse naho ro mazava, vaho fote loatsse. fote mihoatse ty raraha nampamotia loatse teto ambone ty
tane.[4]Bak'eo Elia naho Mosesy nimboake tamy iareo, vaho nitsara tamy ndre Jesosy iareo. [5]Petera namale le
nitsara tamy ndre tihoe: "Raby ô, soa laha mitoetse eto tika, kea ndao hanao aloky telo, ty raeke ho Anao, ty raeke
ho ahy ndre Mosesy, vaho ty raeke ho ahy ndre elia." [6](Te tsy haine ze tokone ho tsarae, satria natahotse mafe
iareo.)[7]Nisy hiboke avy le nanaro aiereo. Vaho nisy feo niboake bak'ao ampo ty hiboke tihoe: "Toy ty Anako teako.
Mijanjigna Aze." [8]Tampoke teo, laha nivamba ty magnodide iareo , le tsy nahisake na ia na ia sase, ankoatse
Jesosy arere avao.[9]Laha nizotso bak'egne ambone vohhitse iareo, le nirarane mafe soa tsy hitalily na amy ia na
amy ia ty raraha hisa iareo, laha tsy fa mitsanga amy ty mate ty Anagn'Ondate. [10]Vaho le nitanjaha iareo ho ahy
iareo zay tsara zay, nefa nifagnontane reo ty amy ty mete ho dika zay "fitsangana amy ty mate" zane.
[11]Nagnontane Aze iareo tihoe: "Nanao akore reo mpanora-dalàgna ro magnambara te tsy maintse ho avy mialoha
Elia?" [12]Fa avy voalohane Elia handrene ty zaka iaby. Vaho nanao akore ro voasoratse te ty Anagn'Ondaty le hijale
mafe amy ty raraha maro vaho hatao manahake ty ndaty tsy misy antone? [13]Feie talilieko aminareo te fa avy Elia,
vaho natao ty ndaty tamine ze tea arofone, arake ze fa voatalily ty Soratse Masy mikasike aze."[14]Vaho lafa
nimpole teo amy ty mpianatse iareo, le nahisake vahoake bey nagnodidy aiereo vaho reo mpanora-dalàgna niale
hevetse tamine. [15]Laha vao nahisake ahy ndre Jesosy iareo, le vere ty vahoake iaby vaho laha igne nilailay
namonje Aze igne iareo le nanalama Aze. [16]Nagnontane reo mpianane Re tihoe: "Mikasike ty ino ro hialianareo
hevitse amy reo."[17]Vaho nisy raeke tamy reo vahoake namale Aze tihoe: "Mpampianatse, nandesiko ho eto aminao
ty anandahiko. Misy fagnahy rate mampitsara aze re. [18]Misambotse aze io le mandavo aze vaho mandoa vore
reke, magnehitsy nife, vaho lasa mihenja re. Nangatake tamy reo mpianatsinao ty vatako soa hondroake zay hiala
amine, feie tsy viata iareo zay." [19]Vaho namale aiereo Reke tihoe: "Taranake tsy mino, Zisikim-bia ro hitobohako
eto aminareo? Zisikim-bia ro handeferako aminareo? Andeso eto amiko reke."[20]Vaho nandesy teo amine iaze
ajajalahy, vaho laha vao nahisake ahy ndre iaze fagnahy rate, le nampifanintontsito aze zay. nilavo tamy ty tane
iaze ajajalahy vaho feno vore ty vavane. [21]Jesosy nagnontane ty babane tihoe: "Ombia ro nampanao anio aze?" Le
nanao tihoe ty rae: "fa hatramy ty nahajaja aze." [22]kindraindraike io fagnahe rate io nandavo aze tagne ampo afo
na tagne ampo rano vaho nagnandra ty hamotike aze. Laha mahay manao raraha iaby Riha, le feregneso zahay
vaho ampeo."[23]Jesosy nitsara tamine tihoe: "'Laha maha riha'? [24]Ty raraha iaby le hay ze matoky." Vaho niarake
tamy zay ty baba iaze ajaja le nikoike mafe nanao tihoe: "Matoke raho! Ampeo raho amy ty tsy fatokiako!" [25]lafa
hisa ndre Jesosy reo vahoake nilailay namonje aiereo, le nitsaraine mafe iaze fagnahy maloto vaho nanao tihoe:
"Ty fagnahy moa naho maregne, mandile anao raho, miboaha amine, vaho ko mipole mizilke ao amine
sase."[26]Nikiakiake mafe zay le nampifaninto mafe iaze ajajalahy vaho bak'eo niboake. Manahake ty ndaty mate
iaze ajajalahy, le maro ro nitsara tihoe: "Mate re." [27]Te Jesosy nandrambe aze tamy ty tagna le nandrene aze, le
nitsanga iaze ajajalahy.[28]Vaho lafa nizilike tao an-tragno Jesosy le nagnontane Aze manoka reo mpianane tihoe:
"Nanao akore zahay ro tsy nahavoaroake iaze fagnahy rate?" [29]Nanao tihoe re tamy iareo: "Ty manahake regne le
tsy afake roasy ankoatse amy ty alala ty vavake."[30]Niala teo iareo vaho nandalo tagne Galilia. Tsy teane ho hay na
ia na ia tihoe taia iareo, [31]Te nampianatse reo mpianane Reke. Nanao tihe Reke tamy iareo: "Ty Anagn'Ondaty le
hamea egne an-tagna ty ndaty, le ho vonoa iareo Reke. Vao lafa voavono Re, le hitsanga amy ty mate ndraeke
afake telo andro." [32]Te tsy taka iareo io fagnambara io, vaho natahotse iareo hagnontane Aze.[33]Bak'eo avy tao
Kapernaomy iareo. Lafa nizilike tao an-tragno Reke le nagnontane iareo tihoe: "Ino ty zaka nifampiresahanareo
tegne an-dala?" [34]Te nitsy iareo. Satria fa nialy hevitse tegne an-dala iareo ty amy ze bey loatse.[35] Nitoboke, le
nikaik reo roambinifolo lahy niarake Reke vaho nitsara tamy iareo tihoe: "Laha misy te-ho voalohane, le tsy
maintse farane amy ty raraha re vaho ho mpiasa ty raraha."[36]Nangalake ajajakele raeke Reke vaho nataone teo
agnivo iareo. nitrotroane tegne an-tsandrine re vaho nitsara tamy iareo tihoe: [37]"Na ia na ia mnandrambe ty ajaja
manahake zao amy ty agnarako, le mandrambe Ahike, le tsy mandrambe Ahike arere reke, te Iaze nagnirake
Ahike kea."[38]Nanao tihoe Jaona tamine: "Mpampianatse, Nahisake ndaty namoake demone tamy ty agnaranao
zahay vaho niraràn̈ay reke, satria tsy magnarake antika." [39]Te Jesosy nanao tihoe: "Ko mandrara aze, te tsy misy
ndaty hanao asa befoloay amy ty agnarako feie tsy ele afara zay le hitalily raraha rate mikasike Ahike.[40]Na ia na ia
tsy manohitse antika le miaro antika. [41]Na ia na ia magnome rano feno ty kope ho hinome satria ahy ndre Kristy
riha, le atalilikо aminao vatane ty to, te tsy hovere ty valem-piteane.[42]Te na ia na ia mandavo ty raeke amy reo

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

kele Ahike reo, le soa ho aze ty agnantogna vato befoloay famofaham-bare mirohy eo amy ty vozone vaho halavo agne an-dranomasy. [43]Laha ty tagnanao ro mahaavy anao ho fahalavoa, tapaho zay. Te soa aminao ty mizilike sembana agne amy ty fiaigna toy zay mana tagnan-droe vaho handeha agne amy ty helo, agne amy ty afo tsy mete vonoe. [44][Fagnamariha: Ty fandika soa le tsy magnisy faha 44 naho 46 tihoe: "'Ze tsy mate zao tsy kanka iareo ty afo tsy ho mate zisikam-parane."']<sup></sup>[45]Laha tombonao ro mandavo anao, tapaho zay. Soa vatane aminao ty mizilike kitsa agne amy ty fiaigna noho ty mana tomboke roe vaho haria agne amy ty helo. [46][Heteo ty fagnamariha eo amy ty andinine faha 44][47]Laha masonao ro mandavo anao, afaho hiala zay. Soa aminao ty mizilike nty fanjaka ty Andragnahare miarake amy ty maso toka toy zay maso roe vaho haria agne amy ty helo, [48]agny amy ty toera ze tsy mahafate ty kanka iareo, vaho ty afo tsy mete vonoe.[49]Te ty ndaty iaby le sambe ho voasira amy ty afo. [50]Soa ty sira, Te laha ty sira ro lasa matsatso, manao akore ro ahazahoanao mampasira aze ndraeke? Asio sira ao aminareo, vaho milongoa amy ty tsikiraikiraike iaby."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 10

[1]Niala teo amy zay toera zay Jesosy vaho nandeha tagne amy ty faritse ndre Jodia naho tegne amy ty faritse
ambane ty Vavarano ndre Jordana, vaho nandeha eo amine ndraeke ty vahoake. Vaho arake ty fataone, le
nampianatse aiereo ndraeke Reke. [2]Le namonje Aze reo fariseo soa hitsapa Aze le nagnontane tihoe: "Ara-dalàgna
ho ahy ty lehilahy vao ty misarake amy ty valine?" [3]Namale Reke tihoe: "Ino ro nandilia ndre Mosesy anareo? [4]Le
nanao tihoe iareo: "MOsesy le namela ty lehilahy raek hanoratse taratasy fagnamariha fisaraham-panambalia
vaho mandefa aze bak'eo."[5]Nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Noho ty hamafy ty arofonareo ro nanoratane ho
anareo zay lalàgna zay." [6]"Te tagne am-panomboha ty famorogna, 'Andragnahare namboatse aiereo ho lahy naho
vave.'[7]' Amy zay antone zay le hagnenga ty babane naho renine ty lahy le hiharo amy ty valine, [8]vaho lasa ho
nofotse raeke iareo roe.' Le tsy ho roe sase iareo te ho nofotse raeke avao. [9]Kea ze naharo ty Andragnahare, le
lonike tsy ho sarahign'ondate."[10]Vaho lafa tao an-tragno iareo, le mboe nampimpoly nagnontane mikasike zay
ndraeke reo mpianatse. [11]Nanao tihoe Reke tamy iareo: "Na ia na ia lehilahy misarake amy ty valine le mangalake
ampela hafa le mijangajanga. [12]Laha misarake amy ty valine ty ampela le manamba lehilahy hafa, le
mijangajanga reke."[13]bak'eo iareo le nizilike ty anagn'iareo teo Amine soa hametrahane tagna, te nihelofa reo
mpianatse iareo. [14]Te lafa nihisa Jesosy zay, le nasiake mafe Reke le nitsara tamy iareo tihoe: "Apoho ty ajaja
hamonje Ahike, vaho ko rarà iareo, te ty fanjaka ty Andragnahare le ahy reo ze manahake aiereo.[15]Talilieko
aminareo vatane ty to, na ia na ia tsy mandrambety fanjaka ty Andragnnahare manahake ty ajajakele le tsy
hizilike zay ame zay sase." [16]Bak'eo le nitrotroane reo ajaja reo le nitsimpazane rano naho nametrahane tagna.
[17]Vaho lafa nanomboke ty liane Reke, le nisy lehilahy nilailay le nandohalike teo agnatrehane, vaho nagnontane
tihoe: "Mpampianatse soa, ino ro tsy maintse anoeko soa handovàko ty fiaigna zisikam-parane?" [18]Jesosy nanao
tihoe: "Nanao akore ro kaihinao tihoe soa Raho? Tsy misy soa, ankoatse Andragnahare raeke avao. [19]Hainao ty lily
tihoe: "Ko mamono ndaty, ko mijangajanga, ko maganlatse, ko mitsanga ho vavolombelo tsy to, ko mamitake,iasio
ty baba naho ty renegnao'."[20]Le nanao tihoe iaze lehilahy: "Mpampianatse, fa narahiko hataramy ty fahatanorako
iaby reo iaby reo." [21]Nivamba aze Jesosy le tea aze. Vaho nanao tihoe Reke tamine tihoe: "Misy raraha banga raeke
ao aminao. Tsy maintse avilinao ze iaby anagnanao vaho omea ty mijale zay, le hana fanagna agne an-dagnitse
riha. Bak'eo, magnaraha Ahike." [22]Te noho zay fitalilia zay le nalahelo re le nandeha vere satria nana fanagnam-
bey vatane reke.[23]Nivamba ty magnodide Aze Jesosy vaho nitsara tamy reo mpianane tihoe: "vatane sarotse ho
ahy reo mana hanagna bey ty mizilike ty fanjaka ty Andragnahare!" [24]Le vere tamy ty tsara reo mpianatse. Te
nanao tihoe ndaeke Jesosy tamy iareo: "Anake, sarotse ty filiha ao amy ty fanjaka ty Andragnahare! [25]Mora vatane
ho ahy ty rameva ty mizilike amy ty voly fanjaitse, noho ty hiziliha ty manakanagna ao amy ty fanjaka ty
Andragnahare."[26]Le mboe vere ndraeke ty mpianatse vaho le nifagnontane reo tihoe: "Ia zane ro afake ty ho
voavonje?" [27]Nivamba aiereo Jesosy vaho nanao tihoe Reke: "Tsy vita ty ndaty zay, te vita ty Andragnahare. Satria
ty zaka iaby le hay ty Andragnahare anoe." [28]Le nanomboke nitsara tamine re Petera tihoe: "vambao, Zahay reto
le nahafoe ty iaby vaho naganarake Anao."[29]Vaho nanao tihoe Jesosy: "Ataliliko aminareo ty to, tsy misy ndaty ze
nagnenga ty tragnone, na ty rahalahine; na ty rahavavine, na ty renine noho ty amiko, naho ty filazantsara, [30]le
tsy nahazo ambone zato hene amy zao taonjato amy henane zao: le tragno, rahalahe, rahavave, rene, anake naho
tane, miarake amy ty fagnenjeha, vaho amy ty taonjato ho ave, le ty fiaigna zisikam-parane. [31]Te maro ty
voalohane ro ho lasa farane, vaho ty farane ho lasa voalohane."[32]Tegne an-dalagna iareo, hiakatse ho agne
Jerosalema, vaho Jesosy nandeha nialoha aiereo. Vere reo mpianatse, vaho reo ze nagnarake Aze tafara le
natahotse. Kinay ndre Jesosy ho eo Amine ndrake iareo roambinifolo vaho le nanomboke nitalily zy zaka hajo
Amine tsy ho ela Reke. [33]"Jereo, miakatse ho agne Jerosalema tike zao, vaho ty mpanoran-dalàgna. Ho helohy
iareo ho amte Reke vaho homeane amy ty Jentilisa. [34]Reo le hamasoke Aze, handora Aze, hamofoke Aze, naho
hahafate Aze. Te afake telo andro le hitsanga amy ty mateRe."[35]Jakoba naho, Ana ndre Zebedio, namonje Aze vaho
nitsara Tamine tihoe: "Mpampianatse, soa teanay laha soa ataonao ze iaby angatahinay aminao." [36]Le nanao tihoe
Reke tamy iareo: "Ino ro teanareo ho atanoeko ho anareo? "[37]Nanao tihoe iareo: "Apoho zahay hiara-hitoboke
aminao ao amy ty hasinao, le ty raeke eo an-tagna ankavananao vaho ty raeke eo ankavianao."[38]Te Jesosy namale
aiereo tihoe: "Tsy hainao ze angatahinareo. Nareo vao afake mino amy ty kapoake ze hinomako na hiaratse ho
atao batisa amy ze hanaova batisa Ahike?" [39]nanao tihoe iareo Tamine: "Vitanay zay." Vaho nitsara tamy iareo
Jesosy tihoe: "Ty kapoake ze hinomeko, le le hinominareo, vaho amy ty batisa ze hanaovam-batisa Ahike, ro
hanaovam-batisa anareo kea. [40]Te ze hitobohako eo an-tagna ankavanako na eo ankaviako kea letsy mianke
amiko zay, te zay le ho ahy reo ze nanomana zay."[41]Laha nahajanje ty miakasike zay reo mpianatse folo hafa, le
nanomboke nasiake mafe tamy ndre Jesosy naho Jaona. [42]Kinaike ndre Jesosy ho eo amine iareo vaho nitsara
tihoe: "Hainareo te reo ze dinehe ho mpanapake ty Jentlisa le mampanompo aiereo, vaho ty bey mpifehe aiereo

le manampatse fahefa amy iareo.[43]Te tsy tokone hanahake zay ty aminareo. Te na ia na ia magniry ho bey
aminareo le lonike reke ho mpiasanareo, [44]vaho na ia na ia magniry ho voalohane aminareo le lonike reke ho
andevonareo iaby. [45]Te ty Anagn'Ondaty tsy avy soa ho tompoe, te soa hanompo, naho hagnomey ty fiaine ho
takalo ty fiay ho ahy ty maro."[46]Avy tao Jeriko iareo. Lafa niboake te tanà niarake tamy ty mpianane naho
vahoake marobe Reke, ty ana ndre Timeo, Bartolomeo, ze mpangatake naho goa, nitoboke teo amisisin-tane.
[47]Lafa nahare reke te Jesosy bak'agne Nazareta zay, le nanomboke nikoike mafe reke vaho nitsara tihoe: "Jesosy,
Ana ndre Davida, mamindrà arofo amiko!" [48]Lahiale ro nitsara mafe iaze goa, nitsara tamine soa hangina. Te vao
lositse re nikoike mafe tihoe: Ana ndre Davida, Mamindrà arofo amiko!"[49]Nijano Jesosy vaho nampikaike aze.
Kinay reo iaze goa, vaho nitsaraine tihoe: "Mahereza! Mitsangàna! Mikaike anao Reke." [50]Nariane ty lambane,
vaho nitsanga, le nandeha amy ndre Jesosy reke.[51]Le namale aze Jesosy vaho nitsara tihoe: "Ino ro teanao anoeko
aminaoe?" Nanao tihoe iaze lehilahy goa: "Mpianatsse te-hahiratse raho." [52]Vaho nanao tihoe Jesosy tamine:
"Mandena. Ty finoanao ro nahavonje anao." Le nahaisake niarake tamy zay ty masone, vaho nagnarake ahy ndre
Jesosy tegne an-dala reke.

## Chapter 11

[1]Vaho laha nandeha tagne Jerosalema iareo, narine ndre Betifaga naho Betenia, agne ambone vohitse Oliva, [2]vaho
Jesosy nagnirake roe tamy iareo tihoe: "Manena amy ty vohitse kele magnoloa antika eroy. Laha vao tafilitse ao
nareo, le hahisake ana-borike raeke mboe tsy nijogna ty ndaty. Hahao reke le andeso atoy amiko. [3]Laha misy
ndaty mitsara aminareo tihoe: 'Nanao akore nareo ro manao zao?' Le ataovo tihoe: 'Misy ila ty Tompo aze le
hampoline tsy ela atoy re.'"[4]nandeha niboake iareo le nahisake ana-borike raeke nifatotse reo ambalike ty tragno
agnila ty varavara raeke eo amoron-dala, vaho nivaha iareo ty fehine. [5]Nisy ndaty sasane nitsanga teo vaho
nitsarane tamy iarei tihoe: "Ino toy ataonareo, mamaha io ana-borike io?" [6]Le nitaliliene aiereo ty tsara ndre
Jesosy tamy iareo, vaho navela ty ndaty handeha amy ty lalane iareo.[7]Vaho nandesy reo mpianatse roe lahy teo
amy ndre Jesosy ty ana-borike le nataone teo ambone zay ty lamba iareo le afake ninjo aze Jesosy. [8]Maro ty ndaty
namelatse ty lambane tegne an-dala, vaho ty ilane kea namelatse rantsan-ketae ze nitapatapahane bak'agne am-
baibo. [9]Reo ze nandeha teo alohane naho reo naganrake Aze nikaikaike tihoe: "Hosana! Antsay iaze raeke
bak'amy ty agnara ty Tompo. [10]Antsay ty fanjaka ho avy ndre davida babantika! Hosana agne amy ty ambone
loatse!"[11]Bak'eo Jesosy nizilike tao Jerosalema le nandeha ao an-tokontane ty tempole vaho nivambavamba ty
raraha iaby. Vaho, fa niha-hariva ty andro, le nandeha agne Betenia Reke naho reo roambinifolo lahy. [12]Ty andro
magnarake, laha nimpole bak'agne Betania iareo, le kere Reke.[13]Vaho nahisaha hetae aveave raeke nandrave
baka eroy lavidavitse, , le namonje Reke mba hivamba laha misy voa teo amine, vaho lafa nandeha eo amy zay
Reke, le tsy nahisake na ino na ino ankoatsy ravine avao, te tsy mboe taom-pamoaza ty aveave tamy io. [14]Vaho
Reke nitsara tamy zay tihoe: "Tsy hisy hihina ty voa bak'aminao sase zisika-parane." Vaho ty mpianane nahajanje
zay.[15]Nandeha Jerosalema iareo, vaho nizilike tao an-takontane ty tempole Reke vaho nanomboke nandroake ty
mpivarotse naho ty mpivily iaby tao. Natontene ty latabatsy reo mpanakalo vola naho ty seza reo mpivarotse
voromahilala. [16]Tsy namela ahy ia na ia handay zaka ze azo amily hizilike ty kianja ty tempole Reke.[17]Le
nampianatse aiereo Reke la nitalily tihoe: "Tsy fa voasorotse vao tihoe: 'Ty tragnoko le ho kinaike tihoe tragno
fivavaha ho ahy ty firenena iaby'? Feie nataonareo ho zohy fiere ty mpangalatse." [18]Heno reo loha ty mpisoro
naho reo mpanoradalagna ze nitaliliene, le nipay fomba hamonoa Aze iareo. Te natahotse aze iareo satria ty
vahoake iaby le vere tamy ty fampianarane. [19]Lafa avy ty hariva, le niala ty tanà iareo.[20]Vaho laha nandeha iareo
ty maray, le nahisake iaze hetae aveave nalazo hatramy ty vahane. [21]Vaho Petera nahatiaro le nitsara tihoe:
"Mpampianatse, vambao! Nalazo iaze aveave nafatsinao."[22]Jesosy namale aiereo tihoe: "Manàgna finoa ahy ty
Andragnahare. [23]Ataliliko aminareo vatane ty to te na ia na ia mitsara amy toy vohitse toy tihoe: 'Mitsangàna le
miantota agne an-dranomasy,' le laha tsy misy fisalasala ao agn'arofone te mino te hiseho amine ze nitaliliene, le
manahake zay ro hatao ty Andragnahare.[24]Noho zay Raho mitaliliko aminareo tihoe: Ze iaby hivavahanreo naho
angatahinareo, matokia te fa nandrambe zay nareo, le ho azonareo zay. [25]Lafa mitsanga naho mivavake anreo, le
tsy maintse mamela ze alahelo iaby anagnanareo amy ia na ia nareo, soa ho avela ty Babanareo Ze agne an-
dagnitse avao kea ty haratianareo. [26][Fagnamariha: Ty fandika soa loatse le tsy magnisy ty tihoe (Vambao ao amy
ty Mat. 16: 15) Mk. 11: 26 "Te laha tsy mamela heloke kea nareo, le tsy hamela ty fahonareo avao kea ty babanreo
ze agne an-dagnitse."][27]Le niakatse ho agne Jerosalema ndraeke iareo. Vaho laha nandehandeha tao an-tokontane
ty tempole Jesosy, le avy avy namonje Aze ty lohandoha ty mpisoro, ty mpanoradala, vaho reo ndaty bey. [28]Nanao
tihoe iareo tamine: "fahefa bak'aia ro hanaovanao regne zaka regne, vaho ia ro nagnomey Anao fahefa hanao
regne?"[29]Jesosy nitsara tamy iareo tihoe: "Hametrake fagnontanea raeke aminareo Raho. Talilio Amiko le ho
talilieko nareo tihoe fahefa bak'aia ro anaovako regne raraha regne. [30]Ty batisa ndre Jaona, bak'agne an-dagnitse
zao zay sa bak'amy ty ndaty? Valeo Raho."[31]NIfampidineke miarake iareo sade nifamale naho nitsara tihoe: "Laha
mamale tika tihoe: 'bakagne an-dagnitse,' le hitsara Reke tihoe: 'Te nanao akore vaho ro tsy natoke aze nareo?'
[32]Te laha mamale kea tika tihoe: 'Bak'amy ty ndaty,'...." Natahotse ty ndaty iaby te Jaona le mpitoke vatane.
[33]Bak'eo namale ahy ndre Jesosy iareo le nanao tihoe: "Tsy namale ahy ndre Jesosy iareo le nanao tihoe: "Tsy
hainay." Le nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Raho avao kea tsy hitalily aminareo tihoe fahefa bak'aia ro
hanaovako regne raraha regne."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 12

1Nanomboke nampianatse aiereo tamy ty alala ty fagnohara Jesosy. Nanao tihoe Reke: "Nisy lehilahy nanao
tanem-boaloboka, nagnisy fefe magnaodidy zay, vaho nandavake fananigna. Nananga tilikambo re vaho bak'eo
nampagnofa iaze tanem-boaloboke tamy ty mpambole voaloboke. Le niala na lavitse reke bak'eo. 2Tamy ty fotoa
mete, le nagnirake mpiasa ho agne amy iaze mpambole voaloboke reke soa hangalake amy iareo ty ilane amy reo
ze tokone ho anjarane amy ty vokatse iaze tanem-boaloboke. 3Te nisambore iareo reke, nifofohine, vaho
niroahine tsy handay na ino na ino.4Nagnirake mpiasa hafa ho agne amy iareo ndraeke reke, le niratsay iareo teo
amy ty lohane vaho nisalarine. 5Le mboe nandefa hafa avao reke, vaho nivonoa iareo io raeke io. Natao iareo
manahake zay reo maro hafa, nifofohine ty sasane vaho nivonoine reo hafa.6Mboenana ndaty raeke hafa hirahy
reke, le anake malala. Reke ro farane nalefane tagne amy iareo. Nanao tihoe reke: "Soa hiasa ty anandahiko
iareo."7Feie nifampitsara reo mpambole voaloboke tihoe: "Toy iaze mpandova. Avia, ndao ho vonoantika reke, le
ho lasantika ty lova."8Nisambory iareo, le nivonoa, vaho natorane tagne ambalike ty tanem-boaloboke. 9Kea, ino
vao ro ho atao iaze tompo ty tanem-boaloboke? Ho avy reke10Tsy nivakinareo vao zao soratse Mase zao? 'Ty vato
ze nihala ty mpagnoren-tragno, ro natao vato fodasio. 11Bak'amy ty Tompo zay, vaho le mahavere eo amasontika."'
12Nipay ty hisambora ahy ndre Jesosy iareo, feie natahotse ty vahoake, satria hay iareo te fagnohera aiereo ro
nitsarane zay fagnohara zay. Kea le napo iareo Reke vaho lasa nandeha iareo.13Le nagnirake ty Fariseo naho
Herodiana ilane ho agne Amine soa hamndrike Aze amy ty tsara iareo. 14Lafa avy iareo, le nanao tihoe iareo
tamine: "Mpampianatse, hainay te tsy mindary ty hevitsy ty ndaty Riha, vaho tsy maneho fiangara eo amy ty
ndaty, Mpampianatse ty to lalagna ty Andragnahare Riha. Ara-dalàgna vao tsy ara-dalagna ty mandoa haba amy
ndre Kaisara? Tokone handoa haba vao zahaty?" 15Te hay ndre Jesosy ty fiatsarambelatsihy iareo le nitsara aiereo
tihoe: "Nanao akore nareo ro mitsapa Ahike? Andeso denaria raeke Raho soa hombaeko zay."16Le nanday iareo
drala raeke Jesosy. Nanao tihoe Reke tamy iareo: "Tarehen'ia toy sare naho soratse toy?" Nanao tihoe iareo: "Ahy
ndre Kaisara." 17Nanao tiohe Jesosy: "Omeo ahy ndre Kaisara, vaho omeo ahy ty Andragnahare ze ahy ty
Andragnahare." le vere tamine iareo.18bak'eo reo Sadoseo, ze mitalily te tsy misy ty fitsangana amy ty mate, le avy
teo amine. Nagnontane AZe iareo, nanao tihoe: 19"Mpampianatse, nanoratse zao gi anay Mosesy tihoe: 'Laha mate
ty rahalihe ty lehilahy raeke vaho nagnenga vale reke, feie tsy nanagn'anake, le tokone manambale iaze valin-
drahalahine iaze lehilahy, le le hana taranake ho ahy ty rahalahine.'22Vaho laha nitoboke teo ambone vohitse
Oliva tandrife ty tempole Reke, le nagnontane Aze arere Petera, Jakoba naho Andrea tihoe: 4"Atalilio aminay,
Ombia ro hiseo zay raraha iaby zay? Ino ro famantara lafa hiseho reo raraha reo?"24Vaho nanao tihoe Jesosy: "Tsy
zay vao ro anotne maha-diso hevitse anareo, satria tsy hainareo na ty Soratse Masy na ty here ty Andragnahare?
25satria lafa mitsanga amy ty mate iareo, le tsy hanambale na homea amy ty fanambalea, te hanahake ty anjele
agne an-dagnitse.26Te makasike ty amy ty fitsangana ty tegna amy ty mate, tsy nivakinareo vao ty ta amy ty boke
ndre Mosesy, ao amy ty andala mikasike iaze voaroy, ty nitsara ty Andragnahare tamine le nitaliliene tihoe: "Raho
ro Andragnahare t ndre Abrahama naho Andragnahare Isaka vaho Andragnahare ndre Jakoba'? 27Reke le tsy
Andragnahare ty mate, te ahy ty velo. Somare diso hevitse nareo."28NIsy raeke tamy reo mpanora-dalàgna
bakagne vaho nahajanje ty safa iareo; hisane te nivalea ndre Jesosy spa iareo, Vaho nagnontane aze reke tihoe:
"Ino ro lily bey loatse amy iareo iaby?" 29Jesosy namale tihoe: "Ty bey loatse le tihoe: "Mijanjigna, ty Tompo
Andragnaharentika, Israely, raeke ty Tompo. 30Tsy maintse mitea ty Tompo Andragnaharenao amy ty arofonao
iaby riha, amy ty fagnahinao iaby, amy ty saianao iaby, naho amy ty herenao iaby.' 31Toy ro lily fahoroe: 'tsy
maintse mitea ty namanao manahake ty vatagnao riha.' Tsy misy lily hafa bey mihoatse noho reo."32Nanao tihoe
iaze mpanora-dalagna tihoe: "Soa zay, Mpampianatse! Hainao marene te Andragnahare le Raeke, vaho tsy misy
ankoatsy Reke. 33Vaho ty mitea aze amy ty arofo iaby naho amy ty say iabe naho ty here iaby, vaho ty mitea ty
nama manahake ty vata, le soa lavitse mihoatse ty fagnatitse oroa naho soro iaby." 34Lafa hisa ndre Jesosy te
nagnome valen-drehake hendre Reke, le nitsara tamine Reke tihoe: "Tsy lavitse ty fanjaka ty Andragnahare riha."
Vaho tafara zay le tsy nisy ndaty nahasake nametrake fagnontanea tamy ndre Jesosy sase.35Namale Jesosy, laha
nampianatse tao amy ty tempole Reke; Le nanao tihoe: "Nanao akore moa ro italilia ty mpanora-dalàgna te Kristy
le ana ndre Davida? 36Davida vatagne, tamy ty Fagnahy Masy, nanao tihoe: 'Ty Tompo nitsara tamy ty Tompoko
tihoe: mitoboke eo an-tana ankavanako, mandram-panoeko ty fahavalonao ho fitobohan-tombonao.' 37Davida
vatane kea nikaike Aze tihoe 'Tompo,' kea manao akore ro maha ana ndre Davida ahy ndre Kristy?" Nijanje Aze
tamim-pifalea reo vahoake lahiale.38Tamy ty fampianarane Jesosy le nitsara tihoe: "Mitaoa amy reo mpanora-
dalàgna, ze tea mandehandeha amy ty akanjo lava vahoa tea iareo ty fanalama azo iareo egne an-tsena 39vaho tea
iareo ty mahazo ty seza voalohane agne amy ty synagoga naho ty toera voalohane agne amy ty fete. 40Mandrava
ty tragno reo vatotse iareo, vaho manao vavake lava bey soa ho hisa ty ndaty. Reo lehilahy reo le handrambe

fagnameloha bey."[41]Bak'eo Jesosy nitoboke nifandrife ty vatan-drakitse tao amy ty faritse ty tempole; nnivamba reo ndaty iaby ze nandatsake vola tao amy ty vatan-drakitse. Mpanankarena maro ro nandatsake drala bey tao.
[42]Le nisy ampela mijale vatotse raeke avy nandatsake farantsakele roe, ze kele vareroevente oharine amy ty iraimbilanja.[43]Le kinaine reo mpianane vaho nanao tihoe Reke tamy iareo: "Atalililiko amireo vatane ty to, te toy ampisafe mijale vatotse toy ro nandatsake maro mihoatse amy ty ndaty ze nandatsake drala tao amy ty vatan-drakitse. [44]Satria ty iaby le nagnomey tamy ty fanagnam-bey iareo, te toy vatotse toy kea, tamy ty fijaleane, le nandatsake ty vola iaby ze tokone hivelomane tao."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 13

[1]Vaho laha niala tao an-tokontane ty tempole Jesosy, le nitsara tamine ty raeke tamy reo mpianane tihoe:
"Mpampianatse, vambao ty hasoa ty vato naho ty hasoa ty rafitse!" [2]Nanao tihoe reke tamine: "Hisanao vao reo
rafitse bey reto? Tsy hapoke hisy vato raeke hifanongoa eo le tsy ho rava."[3]Vaho laha nitoboke teo ambone vohitse
Oliva tandrife ty tempole Reke, le nagnontane Aze arere Petera, Jakoba naho Andrea tihoe: [4]"Atalilio aminay,
Ombia ro hiseo zay raraha iaby zay? Ino ro famantara lafa hiseho reo raraha reo?"[5]Vaho Jesosy nanomboke
nitsara tamy iareo: "Mitaoa soa tsy hisy ndaty hampitsile lala anareo.[6] Te maro ro ho avy amy ty Agnarako naho
hitalily tihoe: 'Raho ro ie,' vaho maro ro ho voafitane.[7]Lafa mahajanje aly naho resabey mikasike ty ale nareo, le
ko misalasala; tsy maintse hiseho reo, te tsy mboe zay ty farane. [8]Te hisy firenena hitsanga hamofoke ty firenena,
vaho hisy fanjaka hamofoke fanjaka. Vaho hisy horohoron-tane amy ty toera maro sade hisy kere. Zay ro
fiandoha ty fijalea ty fiteraha.[9]Mitaoa nareo. Hamea iareo amy ty Synedriona nareo, vaho hofofohy ao amy ty
synagoga. Hitsanga magnoloa reo mpanapake naho reo mpanjaka noho ty Amiko nareo, ho vavolombelo amy
iareo. [10]Te ty Filazantsara le tsy maintse ho tory agne amy ty firenena iaby aolo.[11]Lafa misambotse naho
magnomea anareo iarei, le ko misalasala ty may ze tokone ho talilinareo. Te amy igne lera igne, le homea nareo
ze tokone ho tsarainarei; tsy nareo sase ro hitsara, te ty Fagnahy Masy. [12]Ty rahalahe hagnomey ty rahalahine ho
mate, vaho ty rae hagnomey ty anane. Ty anake hitsanga hanohitse ty rae aman-drenine le hahafate aiereo. [13]HO
heje ty ndaty iaby nareo noho ty Agnarako. Te na ia na ia maharitse hatramy ty farane, le voasarombake zay
ndadty zay.[14]Te laha hisanareo mitsanga eo amy ty tsy tokone hitsanganane ty fahavetaveta ty fandrava (lonike
handineke ze mamake), le lonke ze bak'agnee Jodia iaby hilay egne ambone vohitse, [15]ze ao amy tafon-tragno
blonike tsy hizotso ao an-tragno lonike tsy hizilke ao an-tragno na hamoake raraha bak'ao amy zay, [16]vaho ze agne
an-tsaha lonike tsy himpole hangalake ty lambane.[17]Loza reo ampela bevoka naho mampinono amy zay andro
zay! [18]Mivavaha nareo soa tsy ho amy ty asotry ro hisehoa zay. [19]Te hisy fijalea bay, ze tsy mboe nisy hatramy ty
voalohane, lafa namoro zao tontolo zao Andragnahare, le zisike amy henane zao, aha, vaho zisikam-parane tsy
hisy sase zay. [20]Vaho laha tsy tihoe nihafohesy ty Tompo zay andro zay, le tsy hisy nofotse ho sarombake, ze
nifiniline, le nihafoze ty isake zay andro zay.[21]Vaho laha misy ndaty mitsara aminao tihoe: 'Vambao, atia Iaze
Kristy! na kea tihoe: 'Vambao, Eroy Reke!' Le ko mino zauy. [22]Te hisy Kristy Tsy ie naho mitoke tsy ie himboake
vaho haneho famantara naho haveregna, soa hamitaha, na le ty ndaty voafile kea, laha azo atao. [23]Miambena! Fa
voataliliko taminareo miaolo ty fotoa reo zaka iaby reo.[24]Feie afara ty fijalea reo andro reo, le hihamaike ty
masoandro, ty vola tsy hagnome ty hazavane, [25]reo vasia hipopoke bak'egne amy ty lagnitse, vaho reo here ao an-
dagnitse ho hozongnizongne. [26]Le ho hisa iareo ty Anagn'Ondate bak'egne amy ty hiboke amy ty here bey naho
hase. [27]Vaho hagnirake ty anjele reke le hamore miarake reo ndaty voafile bak'agne amy ty vazan-tane efatse,
bak'agne amy ty fara ty tane le hatragne amy ty fara ty lagnitse.[28]Mangala lesona bak'amy ty hetae aveave. Laha
vao mitaroke naho mandrave ty rantsane, le hainareo te fa marine ty lohatao. [29]Manahake zay kea, laha vao
hisanareo miseho zay raraha iaby zay, le hainareo te famarine Reke, marinike ty vavahade.[30]Atali liko aminareo
vatane ty to, toy taranake toy le tsy koake zisike hisehoa zay raraha zay. [31]Ho rava ty lagnitse naho ty tane, te ty
tsarako kea tsy ho rava zisikam-parane. [32]Te ty mikasike zay andro na lera zay, le tsy misi mahay, na reo anjele
agne an-dagnitse, na ty Anake, te ty Baba avao.[33]Mitaoa! MIambena, satria tsy hainareo ty lera. (fagnamariha: reo
fahefa taolo le tihoe: Mitaoa! Miambena vaho mivavah, satria...) [34]Zay le manahake ty lehilahy raeke handeha
lavitse_nagnenga reke le reo mpiasane ro nataone nitanjake ty tragnone, sambe amy ty rarahane iaby, vaho
nadily ty mpiambe Reke soa tsy hatore.[35]Kea miambena, satria tsy hainareo tihoe ombia ro ho avy ty tompon-
tragno; met ho amy ty halike zay, na amy ty sasak'alike, na magneno akoho, maraindray. [36]Te laha avy tampoke
reke, le ko apoke hahisake anareo matore re. [37]Ze talilieko aminareo le talilieko amy ty ndaty iaby kea:
Miambena!"


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 14

[1]Vaho roe andro miaolo ty Paske naho ty fankalaza ty fihinana ty Mofo tsy misy masirasisa tamy zay. Nipay fomba
hisambora ahy ndre Jesosy arere reo loha ty mpisoro naho ty mpanorandalàgna vaho hamono Aze bak'eo. e
nanao tihoe iareo: "Aleo tsy amy [2]ty andro fete, soa tsy hikorakorake ty ndaty."[3]Laha tagne Betania tao an-tragno
ndre Simona angamay Jesosy, laha nitoboke teo an-databatse reke, le nisy ampisafe raeke namonje Aze nanday
tavoange alabastara misy menake lafo vile, ze narda tsy fangarone. Nivakine iaze tavoange le nailine teo amy ty
agnambone zay. [4]Nampasiake ty ndaty sasane anefa zay. Nifampiresake iareo le nanao tihoe: "Ino ro antone zao
fandaniandania fahatane zao? [5]Io menake magnitse io le afake navile mihoatse ty denaria telonjato, vaho nomea
ty mijale. le nasike iaze ampisafe iareo bak'eo.[6]Feie nanao tihoe Jesosy: "Apoho re. Nanao akore nareo ro manao
ze mampalahelo aze? Zaka soa ro nanoene tamiko. [7]Ty mijale le eo aminareo ziskam-parane, vaho afake hanao
asa soa ho aiereo avao nareo na amy ty andro ino na andro ino, te raho kea tsy hitoboke eo amianareo
ziskamparane. [8]Nanaoze azone atao reke, nagnosotse ty vatako hoa amy ty fandevagna reke. [9]Ataliliko aminareo
ty to, na ia na ia hitoria ty Filazantsara manera zao tontolo zao, le ho taliliene ty nanoe toy ampisafe toy, soa ho
fahatiarova aze."[10]Bak'eo Jodasy Iskariota, raeke tamy iareo roambinifolo lahy, lasa nandeha agne amy reo loha ty
mpisoro hazahoane magnone Aze eo amy iareo. [11]Laga nahajane zane reo loha ty mpisoro, le fale iareo le
nampagnantegna hagnomey ndrala aze. Le nanomboke nipay hirike hagnomeza Aze iareo reke.[12]Tamy ty andro
voalohane ty fihinana ty mofo tsy misy masirasira, lafa nanao soro ty aondre ty Paska iareo, le nanao tihoe reo
mpianane tyamine: "Aia ro teanao alehanay hikarakara mahatanjake, soa hitavanao ty mahatanjake ty Paske?"
[13]Le nagnirake roe tamy reo mpianane Reke le nitsara tamy iareo mpianane Reke le nitsara tamy iareo tihoe:
"Mandena agne an-tanà, vaho hisy lehilahy manday vatavo feno rano nifanonjo aminareo. Magnaraha Aze. [14]ze
tragno izilihane, magnaraha aze le talilio ty tompo zay tragno zay tihoe: 'Nanao tihoe ty mpampianatse: "Aia ty
efitragno fandrambesam-bahine ahazahoako miara-mitava ty Paske amy reo mpianatsiko?"'[15]Hampitoro anareo
efitragno bey ambone etaze misy fanake ze favonogneso reke. Ao ro ataovo ty fanomagna iaby ho antika." [16]Le
lasa ty mpianatse vaho nitanjake ty tanà. Hisa iareo arake fa nitaliliene tamy iareo ty zaka-iabyle nagnoma ty
mahatanjake ty Paska iareo.[17]Lafa hariva ty andro, le avy niarake tamy reo roambinifolo lahy Reke. [18]Lafa
nitoboke teo an-databatse naho nitava iareo, le nanao tihoe Jesosy: "Atliliko aminareo ty to. te ty rake aminareo
ze miara-mitava amiko etoa le hamadike Ahike." [19]Nalahelo mafe iareo iaby, le nitsara tamine ty kiraikiraike
tihoe: "Tsy raho zay?"[20]Jesosy namale le nitsara aiereo tihoe: Ty raeke aminareo roambinifolo zay, iaze miara-
mampijomboke mofo amiko ampo finga zao." [21]Te ty Anagn'Ondaty le handeha amy ty lala ze fa voatalily ty
Soratse Masy mikasike Aze. Te loza kea ho ahy zay lehilahy ze mamalike ty Anagn'Ondaty zay. Soa ho aze vatane
laha tsy terake reke."[22]Laha mboe teo am-pitava iareo, le nandrambe ty mofo re Jesosy, nisaotse, vaho nizarazara
zay. Natolone aiereo zay nsho nsnso tihoe: "Rambeso, toy ro vatako." [23]Le nandrambe ty kapoake Re, nisaotse,
vaho nagnomey zay aiereo, le nino tamy zay iareo iaby. [24]Le nanao tihoe Reke tamy iareo: "Toy ty lio ty fagnekem-
pilongoa, lio ze apoko ho ahy ty maro. [25]Ataliliko aminareo ty to, tsy hino toy vokatse ty voaloboke toy sase Raho
zisike iavia ty andro ze hinomako zay ndraeke agne amy ty fanjaka ty Andragnahare."[26]Lafa avy fiantsa iareo, le
nandeha tegne ambone vohitse Oliva. nao tihoe Jesosy tamy iareo:[27] "Hagnenga Ahike iaby nareo iaby, te
voasoratse tihoe: 'Hamofokew ty mpiandre aodre Raho vaho himbognake ty aondre.'[28]Te lafa avy hitsanga amy ty
mate Raho, le hiaolo lala anareo ao Galilia." [29]Le nanao tihoe Petera tamimne: "Na le hagnenga iaby ty iaby, raho
tsy hagnenga."[30]Nanao tihoe Jesosy tamine: "Talilieko aminao ty to, te androane hale, laha mboe tsy magneno in-
droe ty akoho, le fa nandà Ahike in-telo riha." [31]Te nanao tihoe Petera: "Na tsy maintse hiarake mate aminao raho,
tsy handà Anao." Le sambe nampagnantegna manahake zay iaby iareo iaby[32]Vaho avy tagne toera atao tihoe
Getsemane iareo, le nanao tihoe mpianane tihoe: "Mitoboha eto laha mboe mivavake Raho." [33]Le nanday ahy
ndre Petera, naho Jakoba, vaho Jaona niarake tamine Reke vaho nanomboke nalahelo sade nijale. [34]Le nanao
tihoe iareo: "Mijale loatse ty Fagnahiko, manahake ty fa ho mate. Mitoboha eto le miambena."[35]Nagnalavitse
kelekele Jesosy, nihohoke tamy ty tane, le nivavake Reke laha ohatse azo atao, le hiala Amine zay lera zay. [36]Nanao
tihoe Reke: "Baba, ty raraha iaby hainao atao. Afaho amiko toy kapoake toy. Feie lonike tsy ty teako ro hatao, te ty
Anao.[37]Nimpole Reke le nahisake aiereo natore, le nanao tihoe Reke tamy ndre Petera: 'Simona, matore vao riha?
Tsy nahavita niambe lera raeke vao riha? [38]Miambena le mivavaha soa tsy hizilihanareo amy tyy fakam-pagnahy.
Ty fagnahy mete mazoto vatane, te ty nofotse ro malemy." [39]Le lasa ndraeke Reke nisintake kele vaho nivavake,
vaho le nampimpole ty tsara nataone teo aloha avao.[40]NImpole ndraeke Reke le nahisake aiereo natore, te
navesatse ty torimaso ty maso iareo vaho tsy hisa iareo ze nitaliliene tamine. [41]Namonje fagnintelone Reke le
nitsara aiereo tihoe: "Mboe matore naho mitofa avao vao nareo? Ampe zay! Fa ave ty fotoa. Vambao! Ty
Anagn'Ondaty nivaliha hagnomey eo an-tagna ty haratea. [42]Mitsangàna ndao andeha tika. Vambao, Fa marinike

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

iaze hamalike Ahike."[43]Vaho laha mboe teo am-pitenena Reke le avy Jodasy, Raeke amy reo roambinifolo lahy,
niarake tamina vahoake maro ze nilanja votontse naho langilangy, bak'amy reo loha ty mpisoro, ty
mpanoradalàgna, vaho ty ndaty. [44]Vaho iaze mpamadike Aze nagnome famantara aiereo, nitsara tihoe: "Ze
horofako, zay ty ie. Samboro Reke le ambeno." [45]Lafa avy Jodasy, le namonje ahy ndre Jesosy ave hatragne reke
naho nitsara tihoe: "Mpampianatse," vaho nagnoroke Aze re. [46]Bakeo le nisambore iareo Jesosy.[47]Te nisy raeke
tamy reo nitsanga teo nampiboake ty mesone vaho namofoke iaze mpiasa ty mpisorobey le nanapake ty sofine.
[48]Nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Avy hanambotse Ahike, manahake ty hanambotse malaso, miarake amy ty meso
bey langilangy vao nareo? [49]Tamy Raho teo aminareo san'andro naho nampianatse teo amy ty tempoly, tsy
nisamborinareo. Te natao zao soa hahatanterake ty Soratse Mase." [50]Le nagnenga Aze iaby reo niarakr tamy ndre
Jesosy vaho nietake.[51]Vaho nisy mpamarake raeke, tsy nisike ankoatsy lamba harire avao nagngarake ahy ndre
Jesosy. Lafa nisambory ty ndaty reke [52]le napone teo ty lamabane le lasa nilay tsy nisike reke.[53]Nandesy iareo
tagne amy ty mpisorobey Jesosy. NIara-nivore tamine teo iaby ty mpisoro iaby, naho ty ndaty bey, vaho reo
mpanora-dalàgna. [54]Vaho Petera nagnarake Aze bak'egne Lavidavitse egne, hatragne amy ty tokontane ty
mpisorobey. Nitoboke teo amy reo mpiambe re, ze namindro teo agnila ty afo.[55]Vaho reo loha ty mpisoro naho ty
Synedrione Jiosy le nipay vavolombelo manohitse ahy ndre Jesosy soa hahafaha iareo mamono Aze ho mate. Feie
tsy nahisake iareo. [56]Te maro ro nitanjake vande Aze, feie na ty fitana iareo tsy nilame zao.[57]Vaho nisy ndaty ilane
nitsanga le nitanjake vande Aze; nanao tihoe iareo: [58]"Janjinay Reke nitsara tihoe: 'Ho ravako toy tempole natao
tana toy, vaho ao ampo ty telo andro Raho le hananga raeke hafa tsy nataon-tagna."' [59]Te mboe tsy nifagnarake
avao ty fitana iareo.[60]Vaho ty mpisorobey nitsanga teo amy iareo le nagnontane ahy ndre Jesosy tihoe: Tsy misy
havale vao Riha? Ino zay hitana reto ndaty reto Anao zay?" [61]Te nitsy Reke naho tsy namale na ino na ino. Le
mboe nagnontane Aze ndraekety mpisorobey le nanao tihoe: "Riha vao ro Kristy, Anagn'Iaze voatahy?" [62]Le nanao
tihoe Jesosy: "Raho ro Reke; vaho ho hisanareo ty Angn'Ondaty lafa mitoboke eo an-tagna ankavana ty here ty
Andragnahare naho bak'egne amy ty hiboke ty lagnitse."[63]Vaho ty mpisorobey nanatake ty fitafiane naho nanao
tihoe: "Mboe vavolombelo avao tika? [64]Te henonareo ty fitsaran-drate. Ino ro fanapahan-kevitsinareo?" Reke iaby
le sambe nagnameloke Aze manahake ty ndaty maeva ty ho mate. [65]Ty ilane nanomboke nandora Aze vaho
nanaro ty vatane le namofoke Aze vaho nanao tamine tihoe: "Mitokia! Vaho reo manan-kase Aze le namofoke
Aze.[66]Vaho laha teo ambane teo an-tokontane Petera, le namonje aze ty raeke tamy reo mpiasa ampela ty
mpisorobey. [67]Nahaisake ahy ndre Petera nitsanga namindro teo amy ty afo reke tamine tihoe: "Riha kea niarake
tamy iaze Nazarena, Jesosy." [68]Te reke nandà zay, nanao tihoe: "Tsy haiko naho tsy azoko ze tsaranao." Bak'eo lasa
niala ty tokontane reke. [Fagnamariha: Reo fandika ialane magnampe tihoe: "Le nagneno ty akoho," te reo
fandika taolo soa loatse le tsy misy io tsara io.][69]Te iaze aja ampela nahisake aze le nanomboke nitsara tamy reo
ndaty nitsanga magnodidy ndraeke tihoe: "Io lehilahy io le raeke amy iareo!" [70]Te mboe nandà zay ndraeke reke.
Kelekele bak'eo le nanao tihoe nitsanga teo tamy ndre Petera tihoe: "Raike amy iareo sase riha, satria riha kea le
Galiliana."[71]Te nanomboke nagnozo vata naho nifanta reke tihoe: "Tsy haiko zay lehilahy talilinareo zay." [72]Vaho
niarake tamy zay le nagneno fagnindroane ty akoho. Bak'eo le nahatiaro ty tsara ndre Jesosy tamine Petera tihoe:
"Laha tsy mboe magneno fagnindroane ty akoho, le handà Ahike intelo riha,' Le nalahelo mafe reke naho
nitomagne.

Chapter 15

[1]Vao maraindray bey, le nivore ty mpiusorobey niarake tamy reo ndaty bey naho reo mpanora-dalàgna vaho ty
Synedriona Jiosy raeke iaby. Narohy iareo Jesosy vaho nandesy iareo niboake. [2]Nagnontane Aze ty Pilato tihoe:
"Riha vao ro mpanjak ty Jiosy?"Nivaleane tihoe: "Hainao soa." [3]Nomea fitana maro manohitse ahy ndre Jesosy reo
loha ty mpisoro.[4]Nagnontane Aze ndraeke Pilato tihoe: "Tsy manome valin-drehake vao Riha? Vambao ty haliale
ty fitana andesy iareo manohitse Anao!" [5]Te tsy namale ahy ndre sase Jesosy, le mnahavere aze zay.[6]Vaho tamy ty
andro firavoravoa, le namototse gadra raeke ho aiereo avao Pilato, gadra ze angataha iareo. [7]Niarake tamy reo
mpilietse tao am-pingandra, teo amy reo mpamono ndaty ze voatajake noho ty fandraisa iareo anjara tamy ty
filiera, le nisy lehilahy raeke kinaike tihoe Barabasy. [8]Le nandeha eo amy ndre Pilato ty vahoake le nanomboke
nangatake tamine soa hanao hoaa aiereo arake ty fanaone tagne aloha.[9]Pilato namale aiereo le nanao tihoe:
"Teanareo vao laha ty mpanjaka ty Jiosy ro halefako ho anareo?" [10]Satria haine te fialogna ro nagnomeza ty loha
ty mpisoro ahy ndre Jesosy tamine. [11]Te nanenta ty vahoake reo loha ty mpisoro soa hikoike mafe te tokone ho
Barabasy kea ro havototse.[12]Le namale aiereo ndraeke Pilato le nanao tihoe: "Ino vaho zay ro tokone ho ataoko
amy ty amy ty Mpanjaka ty Jiosy?" [13]Le nikoikoike ndraeke iareo tihoe Fatsiho Reke!"[14]Nanao tihoe Pilato tamy
iareo: "Ino ro rate nataone?" Te nikoike mafe avao iareo tihoe: "Fantsihoe Reke." [15]Te-hanao ze mahafa-po aiereo
Pilato, kea le nafahane ho aiereo barabasy. Nikapohine Jesosy vaho bak'eo nomeine soa hofatsihy.[16]Nandesy reo
miaramila ho eo an-kianja Reke (Ze ampagnivoa), vaho kinaigny reo iaby ty antoko miaramila iaby [17]Nisikina
iareo lamba voloparasy Jesosy, vaho nitale fihiloha fatike iareo le nametrake zay teo amine. [18]Le nanomboke
nanalama AZe iareo vaho nitsara tihoe: "Salama, ty Mpanjaka ty Jiosy![19]Nifofohy iareo tamy ty volotara ty
agnambone naho nandora teo amine. Le nandohalike teo agnatrehane iareo sare niantsa Aze. [20]Lafa avy namsoke
Aze iareo, le nafaha iareo tamine ndrake ty lamba volomparase vaho nampisikiny iareo Aze ty fisikinane arere,
vaho le nandesy reo niboake Rek soa hamatsiha Aze. [21]Nisere iareo try mpandrio raeke ze bak'agne am-baibo soa
hitaranjo ty hazofijalea ndre Jesosy, lehilahy rake kinake tihoe Simona Kyreniana baba ndre Aleksandra naho
Rafosy.[22]Nandesy reo miaramila tagne amy ty toera atao tihoe Gologota Jesosy (ze midika tihoe "Toera ty
karandoha"). [23]Nomey iareo divay niharo miora Reke, te tsy nino zay Reke. [24]Le nifantsihy iareo Reke vaho
nifampizara iareo tamy ty alala ty ankitsapake ty fisikinane soa hahaiza ze vakine rambesy miaramila
kiraikiraike.[25]Tamy ty lera fahatelo Reke ro nifatsihy iareo. [26]Vaho teo amy ty takaleke hetae raeke ro nisorata
iareo ty fitanjaha nanohitse Aze tihoe: "Mpanjaka ty Jiosy." [27]Jiolahy roe ro niarake nifatsihe iareo tamine, ty
raeke teo ankavanane vaho ty raeke kea teo ankaviane. [28][fagnamariha: Reo fandika taolo soa loatse le tsy
magnise Marka 15/; 28 tihoe: "Le tanterake ty Soratse Masy manao tihoe: 'Natao ho isa ty mpanao rate Reke.'
(Ampitovio ty Lioka 22: 35)][29][29]Reo ze nandalo teo tsy nagnise dikane Aze, niholikole-doha vaho nanao tihoe: "Aha!
Riha iaze afake mandrava ty tempoly vaho magnore zay ao agnate ty telo andro, [30]sarombaho ty vatanao vaho
mizotsoa bak'eo amy io hazofijalea io!"[31]Ty loha ty mpisoro kea le nagneso Aze manahake zay, niarake tamy reo
mpanora-dalàgna, vaho nitsara tihoe: "Nanarombake ty hafa Reke, fewie tsy mahasarombake ty vatagne. [32]Lonike
iaze Kristy, iaze Mpanjaka ty Israely, hizotso bak'eo amy ty hetaefijalea, soa ho hisanay vaho hatokianay," vaho
reo nifatsihy niarake tamine kea le namasoke Aze.[33]Tamy ty lera faha-ene, le avy teo amy ty tane iaby ty ike
hatramy ty lera fahasivy. [34]Vaho tamy zay lera fahasivy zay le nikoike tamy ty feo mafe Jesosy tihoe: "Eloy, Eloy,
Lamà sabaktany?" ze midika tihoe: "Andragnahare, Andragnahare, nanao akore Riha ro nahafoe Ahike?" [35]Ty
ilane tamy reo ze nitsanga teo nahajanje ty tsarane le nirehake tihoe: "'Heteo, mikaike ahy ndre Elia Reke."[36]Nisy
ndaty raike nilailae, nando divay mandiro naho epoze, vaho naditike zay tamy ty volotara, le nagnome zay ho
inomine, Iaze lehilahy nitalily tihoe: "Lonike ho hisanay laha ho avy ampizotso Aze eo Elia." [37]Bak'eo Jesosy
nikoike tamy ty feo mafe le mate. [38]Tatake nizara roe zisik'ambone le zisik'ambane ty lamba ty tempole.[39]Lafa hisa
iaze lehilahy kapiteny ze nitsanga naho nifagnatrike tamy ndre Jesosy te mate tamy zay fomba zay Reke, le nanao
tihoe Reke: "Vatane Ana ty Andragnahare marene vatane io lehilahy io." [40]Le nisy ampela kea nagnete tegne
lavitse tegne, agnatiny zay Maria Magdalena, Maria Rene ndre Jakoba ziane naho Jesosy), vaho Salome [41]Tamy
Reke tagne Galilia le nagnarake Aze naho nanompo Aze iareo. Vaho ampela maro hafa kea ro niara-niakatse
tamine tagne Jerosalema.[42]Kea lafa avy ty halike, satria Andro Fiomagna, zane hoe, andro mialoha ty Sabata io,
[43]le avy teo Josefa bak'agne Arimatia. Mpikamba hajay ao amy ty Synedriona reke, ze niambe ty Fanjaka ty
Andragnahare. Nana fahasakia re nandeha agne amy ndre Pilato hangatake ty havilasy ndre Jesosy. [44]Vere Pilato
tihoe vilasy Jesosy; le kinaine iazy kapitene vaho nagnontane aze reke laha vilasy Jesosy.[45]Lafa nahazo antoke
tamy iaze kapitene reke te mate Jesosy, le nomeane andre Josefa ty havilasy. [46]Vaho Josefa nivily hariry malinike.
Nampizotso ahy ndre Jesosy teo amy ty hetaefijalea reke, le namogno hariry malinike Aze, vaho nametrake Aze

tao amy ty valavato ze nilavaha tao amy ty lamelame. bak'eo nandrosy vato teo amy ty varavara ty valavato reke.
47La hisa ndre Maria Magdalena naho Maria rene ndre Jesosy ty toera nandevegna Aze.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 16

[1]Lafa tapitse ty andro Sabata, le nivile zaka-magnitse hagnosora amy ty havilasy ndre Jesosy re Maria Magdalena
naho Maria rene ndre Jakoba, vaho Salome nivily hagnitse soa handeha vaho hagnosotse ty faty ndre Jesosy. [2]Vao
maraindray-bey tamy ty andro voalohane ty heregnandro, le nandeha egne amy ty valavato iareo lafa niposake
ty masoandro.[3]Le nifampirahake iareo tihoe: "Ia ro handrosy ty vato eo amy ty varavara ty valavato ho antika?"
[4]Lafa niandra iareo, le hisane te favoarose niala iaze vato, ze vatane bey vatane[5]Nizilike tao amy ty valavato iareo
le nahisake mpamarake niakanjo foty, nitoboke teo ankavana, vaho le vere iareo. [6]Le nanao tihoe Reke tamy
iareo: "Ko matahotse. Mipay ahy ndre Jesosy nareo, iaze Nazarena, ze nifatsihy. Nitsanga Reke! Tsy eto Reke.
Vambao ty toera ze nametraha iareo Aze. [7]Te mandena, talilio reo mpianane naho Petera te hiaolo lala anareo
agne Galilia Reke. Agne ro hahisahanreo Aze, arake ze nitaliliene taminareo."[8]Niboake iareo le nilailay niala ty
valavato; nititike naho vere iareo. Tsy nitalily na ino na ino tamy ty ndaty iareo satria vatane natahotse mafe.
[9][Fagnamariha: Te fandika taloha soa loatse le mangalake ty Marka 16: 9-20] Vao maraindray tamy ty andro
voalohane ty heregnandro, tafara ty nitsanganane, le niseho tamy ndre Maria Magdalena aloha Reke, iaze
nandroahanew demone fito. [10]Le lasa Maria vaho nitalilia ty vaovao tamy reo niarake tamy ndre Jesosy, laha
mboe nisao naho nitomagne iareo. [11]Heno iareo te velo Reke vaho nahisake Aze reke, feie tsy natoky iareo.[12][Ty
fandika taloha soa loatse le mangalake ty Marka 16: 9-20] tafara reo zaka reo Jesosy le nimboake tamy ty tarehe
hafa tamy ty roe tamy iareo, laha nandeha ho agne an-tanà iareo. [13]Le lasa iareo vaho nitalily tamy reo mpianatse
sisa, feie tsy natoky iareo.[14][Fagnamariha: Ty fandika taloha soa loatse le mangalake ty Marka 16: 9-20] Tafara
kele le niseho tamy ty raika amby folo lahy Jesosy laha mboe teo am-pitava iareo, vaho nitsara mafe aiereo Reke
noho ty tsy fatokia naho hamafy ty arofo iareo, satria tsy nino reo ze nahisake Aze tafara ty nitsanganane tamy ty
havilasy iareo. [15]Vaho nanao tihoe Reke tamy reo: "Mandena agne amy zao tontolo zao, vaho torio amy ty ndaty
iaby ty Filantsara. [16]Ze mino naho atao batisa ro vonjena, vaho ze tsy mino kea le ho helofa.[17][Fagnamariha: Ty
fandika taloha soa loatse le mangalake ty Marake 16: 9-20] Reto famantara reto le hagnarake reo ze mino: Amy ty
agnarako ro handroaha iareo demone. Hitsara amy ty tsara vaovao iareo. [18]Handrambe menara amy ty tagna
iareo, vaho laha mino zaka-mahafate iareo, le tsy hampagnino aiereo zane. Hametra-tagna amy ty marare iareo,
le ho afake regne."[19][Ty fandika taloha soa loatse le mangalake ty Marka 16: 9-20] Lafa baka nisafa tamy iareo ty
Tompo, le nampiakary ho agne an-dagnitse Reke vaho nitoboke eo an-tagna ankavana ty Andragnahare. [20]Le lasa
reo mpianatse nitore iaby tegne, vaho ty Tompo niara-niasa tamy iareo vaho nagnamafe ty tegne tamy ty alala ty
famantara ze niarake tamy iareo.

# Luke

Chapter 1

[1]Maro reo niezake nanoratre tantara mikasike reo zaka-niseho te nisy teto amintika, [2]arake ze le fa naolora iereo
aze tamintika, te le fa vavolombelo nagnatre maso vaho mpanompo ty tsara zisikagne amboalohane. [3]Naho
amiko avao kea le hoe mete- laha fa nagnotane soa ty fandeha ty zaka iaby hatramity voalohane- ty hanoratre
talily arake ty filaharane ho anao, ry7 Teofilo soa vatane. [4]Zay le mba hahaianao ty mare miomba roe zaka ze
nampianare anao.[5]Tamity andro Heroda, mpanjaka Jodia, le nisy raike tamity mpisoro atao ty hoe Zakaria,
bakamity antoko Abia. Ty valine le bakamity anakampela Arona, naho ty agnarane le Elizabeta. [6]Sambe mare
tagnoloan'Agnahare iereo, naho nino reo lily iaby vaho reo fotsipeke Tompo. [7]Fa tsy nanagnanake nefa iereo,
satria tsy miterake Elizabeta, naho sambe le fa antetre iaby kea ie roe tamize andro zay.[8]Naho zay le mikasike
Zakaria tagnoloan'Agnahare, nanao reo asa ty soro arake ty fifampisoloa ty isan-tokone. [9]Arake ty fomba fatao
iereo ty amity fifilia mpisoro ze tokone hanompo, le voafily ty Kodia kede hilitre hagnoro ty emboke magnitre ao
antempoly Tompo re. [10]Tamity lera nagnoroa ty emboke magnitre le nivavake tegne ambalike ty vahoake iaby.
[11]Naho nisy anjele Tompo niseho tamine naho nitsanga tankavana ty alitara nisy emboke magnitre. [12]Laha fa
nahita aze ty Zakaria, le natahotre naho vatane natahotre re. [13]Fa hoe ty anjele tamine:" Ko matahotre, ry Zakaria,
te fa nidranjigne ty vavakenao. Hisy aja lahy aminao ty Elizabeta valinao. Jaona ro hataonareo agnarane.
[14]Hanam-pifalea vaho haravoa riha, naho maro kea ro ho fale amity haterahane. [15]Satria ho foloay re eo amaso
Tompo. Tsy hino divay ndra zaka nome mahere vatane re, naho ho feno ty Fagnahy Masy zisikagne antron-
drenene re.[16]Maro amity vahoake Israely ro hitolike amy Tompo Zagnahare iereo. [17]Handeha aloha ty vata Tompo
eo amity fagnahy vaho ty here Elia re. Zay ro ataone le ty mba hitoliha ty arofo ty rae amity anaka, mba
handehana ty tsy magnenke amity lala ty hamarea ty mare mba hagnoma vahoake te fa vogno hoahy Tompo ro


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

homane hoaze."[18]Naho Zakaria nirehake tamity anjele ty hoe:" Akore ro hahaizako zay? Fa zaho te fa antetre
naho ty valiko kea.' [19]Naho hoe ty anjele namale vaho nirehake tamine:" Zaho ro Gabriela, ty mitsanga eo
agnoloan'Agnahare. Naho voairake raho mba hitalily aminao, handay ze vaovao soa zao aminao. [20]Ka ingo! Ho
moa riha, ke tsy afake hirehake, mandram-piavy ty andro hisehoa reo zaka reo. Satria tsy nino ty nirehako riha,
te ho lefe amity andro voamare."[21]Naho ty vahoake rerake niambe Zakaria. Gaga naho ty fijanognane ela teo an-
tempoly iereo. [22]Ta laha fa niakatre re, le tsy afake nirehake tamiereo. Naho hay iereo fa nahita fahitaha re tamity
ao an-tempoly. Nanao baiko moa tamiereo re naho nijano ho moa. [23]Naho laha fa avy ty andro fitampera ty
fanompoane, le lasa noly8 tagne antragnone re.
[25]"Zao ro natao ty Tompo hoahy laha fa nitsinjo ahy Re mba hagnafake ty hegnako eo agnoloa ty ndaty."[26]Teo
amity fahaenem-bola, le nirahen'Agnahare ty anjele Gabriela nimbaeo amity tana raike tao Galilia atao ty hoe
Nazareta, 27hoagne amina verijine raike te valina lahilahy atao ty hoe Josefa. Te mboe foko Davida re, naho ty
agnara ty verijine le Maria. [28]Nimbaeo amine re naho nanao ty hoe:" Arahaba, ry iaze nihasoave vatane! Ty
Tompo ho aminao ao." [29]Fa vatane vere hevetre tamity rehane re nagnontane vata ty hoe karaza fanalama hoe ty
ino zay.[30]Hoe ty anjele tamine:" Ko matahotre, ry Maria, fa le fa nahita hasoa tamin'Agnahare riha. [31]Ingo, ho be
troke riha ka hiterake lahilahy. Naho ty agnarane hatao ty hoe' Jesosy.' [32]Ho bey Re naho hatao ty hoe Ana ty
agnabo vatane. Ty Tompo Zagnahare hagnomea Aze ty sezan-droandria Davida razambeine. [33]Naho hanjaka
zisikezay amity foko Jakoba re, naho tsy ho tampetre ty fanjakane."[34]Hoe ty Maria tamity anjele:" Akore ro
hisehoa zay, fa mboe tsy niara-niroro tamina lahilahy raho?" [35]Ty anjele namale vaho nanao tamine hoe:" Hipoke
aminao ty Fagnahy Masy, naho ty here ty agnabo Vatane ro hoavy aminao. Ka ty masy ho lefe le hatao ty hoe
Anan'Agnahare.[36]Ingo, Elizabeta longonao le nibetroke lahilahy avao kea ndra le tamity fiterahane aza. Te fa
enem-bola ty aze zao, re ty aze atao ty hoe tsy miterake. [37]Satria tsy misy zaka tsy ho azo atao amin'Agnahare."
[38]Hoe ty Maria:" Ingo, zaho ro mpanompo vave Tompo. Ao ho lefe amiko zay arake ty hafanao." Naho niala tamine
eo ty anjele.[39]Naho tamize andro zay ty Maria le nandeha malaky nimbaeo amity tane ambone, agne amity tana
Jodia. [40]Nimbaeo amity tragno Zakaria re naho nanalama Elizabeta. [41]Naho laha naharey ty salama Maria ty
Elizabeta, le nibitake ty kolo antrone ao, naho feno ty Fagnahy Masy Elisabeta.[42]Nagnadram-peo vaho nirehake
mafe re ty hoe:" Nihasoave naho ty ampela iaby riha, naho nihasoave ty natera ty trokenao. [43]Nagnino zay ro
miseho amiko fa ty rene Tompo ro avy hamonje ahy? [44]Fa ingo, laha fa niavy tantsofiko eo ty salamano, le nanao
hafalea ty kolo antroko ato. [45]Sambatre re ty nino fa ho lefe reo zaka ze nirehafe Tompo tamine."[46]Hoe ty Maria:"
Miantsa Tompo ty fagnahiko, [47]naho ty fagnahiko nifale amin'Agnahare ao mpamonje ahy.[48]Fa nagnete ty fahantra
ty mpanompo vavene Re. Naho ingo, manomboke zao ty foko iaby hikaike ahy ty hoe sambatre. [49]Satria nanao
zaka bey tamiko ty mahefa ty zaka iaby, naho masy ty agnarane.[50]Fa mahita hoahy ty foko afara ze matahotre aze
ty fandeferane. [51]Nanoro ty herene tamity sandrine re; naho nanjara reo ze nirehareha tamity dine ty arofo iereo.
[52]Naongane tamity sezan-droandriane ty anadahy ty mpanjaka naho reo ambane nakarene. [53]Nataone voky zaka-
soa reo kere, fa ty mpagnarivo nataone tsy nana ndra ino ino.[54]Nagnomea fagnampea Israely mpanompone Re,
mba hahatiarovane hanoro fandefera [55](arake ty nirehafene tamireo raentika) tamy Abrahama vaho ty fokone
zisikagne."[56]Nijano nitoboke tao amy Elizabeta tokone ho telo vola ty Maria naho bakeo nihere tagne antragnone.
[57]Naho avy ty fotoa hiteraha Elizabeta ty anane naho niterake ajalahy re. [58]Naharey ty fandeferam-bey natao
Tompo tamine reo mpiara-belo amine vaho reo longone, naho niara-fale tamine iereo.[59]Naho tamity andro
fahavalo le lasa hanavatre ty kolo iereo. Fa ho natao iereo ty hoe" Zakaria," arake ty agnaran-draene re. [60]Fa ty
renene kea namale naho nanao ty hoe:" Aha. Jaona ro hikaiha aze." [61]Naho hoe reo tamine:" Tsy misy amity
longonao kaihe amize agnara zay."[62]Nanao baiko moa tamity raene iereo ty amity teane hatao agnarane.
[63]Nangatake aridoazy fanorata ty raene naho nanoratre ty hoe:" Jaona ro agnarane." Naho le gaga tamizay ie iaby.
[64]Naho niarake tamizay le nivoha ty vavane naho nafaha ty lelane. Nirehake re naho niantsa an'Agnahare. [65]Niavy
amireo iaby nagnodidy iereo ty tahotre. Naho niele era ty tana ambone Jodia ty zaka niseho iaby teo. [66]Naho reo
iaby naharey reo le nahazo rey tangnarofone ao, naho nanao ty hoe:" Ho lasa ino are ty kolo toy?" Fa miomba aze
ty tagna Tompo.[67]Naho feno ty Fagnahy masy Zakaria rane naho namisavisa, ka nanao ty hoe: [68]"Antsae anie ty
Tompo, Zagnahare Israely, fa niavy nagnampe vaho nanao ty fagnafaha hoahy ty vahoakene Re.[69]Nagnakatre
ambone ty trifam-pagnavota hoantika ao antragno Davida mpanompone Re, [70]manahake ze nirehafene tamity
vava reo mpamisavisa masy tamity andro taloha tagne. [71]Handay famonjea amity fahavalontika vaho amity tagna
reo iaby malay antika re.[72]Zay ro hataone le ty mba hanoroa ty fandefera amireo raentika vaho hampahatiarova
ty fagnekeam-pilongoa ty Masy, [73]le ty fifanta natalily tamy Abrahama raentika. [74]Nifanta ty hahazoantika, laha fa
afake tamity tagna ty fahavalontika, manompo Aze tsy amin-tahotre, [75]am-pahamasigna vaho ampahamarea eo
agnoloane amity androntika iaby.[76]Egne, naho riha, ry kolo, le hatao ty hoe mpamisavisa ty Ambone Vatane, fa
handeha hialoha ty tarehe Tompo riha naho hamboatre ty lala, mba hagnoma ty ndaty ty amity fiaviane, [77]mba
hagnomea fahaiam-pamonjea hoahy ty ndaty amity alala ty famotora ty helo iereo.[78]Zay ro hiseho le naho ty


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

fandefera masin'Agnaharentika, naho ty amizay ro hiakara ty masoandro bakamity ambone mba hoavy hagnampe antika, [79]hagnazava reo ze mitoboke ao agnate ty ieke vaho reo ao agnate ty aloke ty fate. Hataone zay mba hitariha ty tombontika amity lalam-pilamina."[80]Naho ty kolo le nitombo naho lasa nahere amity fagnahy, naho tagne agnefetre re mandram-pahavia ty andro hiboahane miharehare amy Israely.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Naho tamize andro zay, le nandefa lily mibaiko ty mibaiko ty hagnisaha ty ndaty iaby velo eto amizao tontolo zao
Aogosto Kaisara. [2]Zay ro fagnisaham-bahoake natao voalohane tamy Kyrenio ro mpandily ty tane Syria. [3]Laha zao
ty ndaty iaby le nimbaeo amity tana nahaviane iaby mba hisoratre agnara hoahy ty fagnisaham-bahoake.[4]Le
nandeha niakatre bakagne Galilia kea Josefa, bakagne antana Nazareta, hoagne Jodia, tana Davida te atao ty hoe
Betlehema, satria re bakamity tragno vaho longo Davida. [5]Nandeha tagne re mba hisoratre agnara niarake tamy
Maria, ty fofom-baline naho nibetroke.[6]Naho laha mboe tagne iereo, le niavy ty andro hiterahane ty anane.
[7]Niterake kolo lahy re, anane voalohane, naho re nandrakoke lamba-naja Aze vaho nampandre Aze teo amity
fihinanam-bilo, satria tsy nisy toera hoaze ty tao amity hotely.[8]Nisy mpiarake agnondry tamize faritre zay ty
nijano tagne ambaibo, niarake ty agnondrine tamity hale. [9]Nisy anjele Tompo niseho tamiereo, naho ty hasy
Tompo namirapiratre magnodidy aze, naho feno tahotre bey iereo.[10]Le nirehake tamiereo ty anjele nanao ty hoe:"
Ko matahotre, fa handay vaovao soa ty handay hafaleam-bey hoahy ty ndaty iaby raho. [11]Androany le nisy
mpagnavotre te terake hoanareo agne antana Davida! Re ro Kirisity Tompo! [12]Zao ro famantara zay hamea
anareo: Hahita kolo-kele mirakotre lamba-naja naho miroro eo amity fihinanam-bilo nareo."[13]Tampoke eo
niarake tamity anjele, le nisy tafike ty lagnitre bey niantsa an'Agnahare nanao ty hoe: [14]"Hasy ho an'Agnahare
agne amity ambone vatane, naho hisy fiadagna anie eto antane eo amity ndaty ze teane."[15]Naho laha fa niala teo
amiereo nimbaeo andagnitre reo anjele, ty mpiarake agnondry nifampirehake ty hoe:" Andao tika amizao
hoagne Betlehema, naho hagnete ze zaka nisy zao, te nampahaie Tompo antika zay." [16]Nandeha malaky tagne
iereo naho nahita Maria vaho Josefa, naho nahita ty ajakele niroro teo amity fihinanam-bilo.[17]Tafara ty nahita
iereo Aze, le nampahaie iereo ty zaka iaby nirehafe amiereo miomba i kolo o. [18]Iaby ze naharey zay le gaga ty
amity nirehafe ty mpiarake agnondry tamiereo. [19]Fa Maria kea nanohy nidineke miomba ty zaka iaby ze reine,
naho nita rey tao agnarofone. [20]Nihere reo mpiarake agnondry, nagnomea hasy vaho nandaza an'Agnahare naho
ty zaka iaby ze rey iereo vaho hita iereo, arake ze nirehafe tamiereo.[21]Laha nitampetre ty andro fahavalo, laha fa
sinavatre Re, le nomea agnara ty hoe Jesosy, ty agnara nomea ty anjele Aze taloha ty nametraha Aze antroke ao.
[22]Naho laha fa losotre ty isa ty andro tinake hiliovane, arake ty lily Mosesy, le nanday Aze niakatre hoagne
antempoly tao Jerosalema ty Maria vaho Josefa mba hanolotre Aze eo amy Tompo. [23]Arake ze voasoratre ao amity
lily Tompo ty hoe:" Ty lahy iaby ze voaloham-piterake le hatoka hoahy Tompo." [24]Laha zao le nanolotre soro arake
ze voatalily ao amity lily Tompo iereo," domohina roe ndra ana ty voromahilala roe."[25]Naho ingo, nisy lahilahy
tagne Jerosalema, Simona ro agnarane, naho ze lahilahy zay le mare vaho mafana arofo. Nipay ty fampionogna
Israely re, naho tamine ao ty Fagnahy Masy. [26]Natalily ty Fagnahy Masy tamine fa tsy hahita fate aloha ty
hahitahane ty kirisitine Tompo re.[27]Tinary ty Fagnahy, nimbaeo antempoly Simona. Laha fa nanday Jesosy kolo
kele nilitre ty rae-amandrenene, mba hanao Aze arake ty fomba ao amity lily, [28]le niraesene ho egne antsandrine
Re vaho niantsa an'Agnahare naho nanao ty hoe: [29]" Henanezao engao handeha ampilamina ty mpanomponao, ry
Tompoko, arake ty safanao.[30]Fa ty masoko nahita ty famonjeanao, [31]te nomagnenao teo amity fiatreha ty ndaty
iaby: [32]Le hazava ho fagnambara hoahy ty Jentilisa naho hasy hoahy Israely ndatinao."[33]Ty rae vaho rene ty kolo
le hiake tamity zaka nirehafe mikasike Aze. [34]Nitso-drano aze reo Simona naho nanao tamy Maria renene ty hoe:"
Ingo, ty kolo toy le voatendre ho amity fandoava vaho fagnakara ty ndaty Israely maro naho ho famantara ze
niliere- [35]naho hisy meso handoake ty fagnahinao- mba ho voa talily ty heve ty arofo maro."[36]Nisy mpamisavisa
vave raike atao ty hoe Ana teo. Anakampela Fanoela bakamity foko Asera re. Vatane antetre re. Nitoboke niarake
tamity valine fito tao tafara ty nahaverijine aze re, [37]naho mpivem-bata zisike ty efatre amby valompolo tao. Tsy
niala ty tempoly zao re fa nanompo tamity fifalian-kane vaho vavake, andro aman'ale. [38]Tamize lera zay avao le
namonje marine iereo re naho nanomboke nagnomea fisaora an'Agnahare vaho nitalily ty miomba ty kolo tamity
ndaty iaby ze nimabe ty fagnavota Jerosalema.[39]Laha fa nahavita ty zaka iaby nampanoene arake ty lily Tompo
iereo, le nihere tagne Galilia, agne amity tana iereo agne Nazareta. [40]Nihabey ty kolo naho nihanatanjake,
nitombo hamarea, naho ty hasoavan'Agnahare le tamine ao.[41]Ty rae-amandrene le nimbaeo Jerosalema isan-tao
hamonje ty Hafalea ty Pasake. [42]Laha fa roe ambifolo tao Re, le nandeha nimbaeo arake ty fomba amity fete
ndraike iereo. [43]Naho laha fa baka nitoboke tagne zisike ty andro ty fete iaby iereo, le nanomboke nihere noly
iereo. Fa jesosy ajalahy nijano tagne Jerosalema nefa tsy hay ty rae-amandrenene zay. [44]Natao iereo fa niarake
tamity ndaty niara-dia tamiereo Re, le nandeha zisike ty andro raike iaby iereo. Naho bakeo le nanomboke nipay
Aze tagne amireo longone vaho reo namane iereo.[45]Laha fa tsy hita iereo Re, le nihere tagne Jerosalema iereo ka
nanomboke nipay Aze tagne. [46]Laha niafake telo andro, le hita iereo tao antempoly re, nitoboke teo agnivo reo
mpampianatre, nidranjy aze iereo vaho nametrake fagnotanea tamiereo. [47]Iabe ze naharey Aze le gaga tamity
fahaiane vaho reo valen-drehane.[48]Laha fa nahita Aze iereo, le hitake. Ty renene nirehake tamine ty hoe:" Anake,


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nagnino riha ro nanao hoe zao anay? Dranjigno, zaho vaho ty raenao nipay anao tamintebetebe."49Re nirehake
tamiereo ty hoe:" Nagnino nareo ro nipay Ahy? Tsy hainareo vao fa tsy mahaintsy ho ao antragnon-draeko
Raho?" 50Fa tsy azo iereo ze teane ho rehafe tamize rehake zay.51Le noly niarake tamiereo tagne Nazareta Re vaho
nagneke iereo. Ty renene le nagnaja ze zaka iaby zay tampone ao. 52Fa Jesosy niha-nitombo famarea vaho
nitombo vata, naho nitombo hatea tamin'Agnahare vaho ty ndaty.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Tamity tao faha dime ambifolo nanjaka Tiberie Kaisara-tamy Pontio Pilato ro governora Jodia, Heroda le
mpandily tao Galilia, Filipo rahalahine le mpandily tao amity faritre Itoria vaho Trakonitisy, naho Lysania le
mpandily Abilena, [2]zisike ty fisorognambey Aniasy vaho Kaiafa- le niavy tamy Jaona anadahy Zakaria tagne
agnefetre ty safan'Agnahare[3]Nandeha tagne amireo faritre iaby magnodidy Jordana Re, nitalily ty batisa ty
fibebaha ho famotora reo heloko[4]Arake ty voasoratre ao amity boke ty tsara Isaia mpamisavisa ty hoe:"Nisy feo
raike nikaike mafe bakagne agnefetre ty hoe:'Vognono ty lala Tompo, anaovo mahity ty lalan-kombane.[5]Ty baibo
iaby ho lembefe, naho ty vohitre vaho ty tazoa hatao gebo, naho ty lala miotake le hamboare mahity, naho ty
toera korohotre le hatao lala, [6]naho ty nofo iaby le hahita ty famonjean'Agnahare[7]Ka nirehake tamireo vahoake ze
niavy hataone batisa ty Jaona ty hoe:" Nareo ry foko ty menara! Ia ro nampianatre anareo mba hilahy ty heloke
zay hoavy?[8]Laha zao, mamokara voa soa ty fibebaha, naho ko manomboke mirehake ao agnate reo ty hoe:' Zahay
mana i Abrahama ho raenay,' fa mirehake anareo raho fa Zagnahare le afake mananga anake hoahy Abrahama
bakamity vato toa.[9]Henanezao ko ty famaky le mitoboke eo amity foto ty hetae. Ka ty hetae iaby ze tsy voa soa le
ho tampake naho hatorake agne amireo afo."[10]Naho reo vahoake le nagnontane aze zisikagne, nanao ty hoe:" Ino
are ro hataonay?" [11]Namale re ka nanao tamiereo ty hoe:" Laha misy ndaty mana akanjo lava roe, tokone mizara
zay amity ndaty raike ze tsy mana re, naho ze mana sakafo kea le tokone hanao hoe zay."Reo mpamory hetra kea
le avy mba hatao batisa, naho nirehake tamine ty hoe:" Mpampianatro, ino ro tsy mahaintsy ataonay?" [13]Re
nirehake iereo ty hoe:" Ko mamory vola mihoatre naho ze nampandoavenareo."[14]Miaramila maromaro ka
nagnotane aze, nanao ty hoe:" Akore ty miomba anay? Ino ro tsy mahaintsy ataonay?" Re nirehake tamiereo ty
hoe:" Ko mangalake vola amity ndaty an-kere, naho ko mita vande ndaty. Mifalea amity karamanareo."[15]Naho
laha niambe mafe ty fahavia Kirisity ty vahoake, le nagnotane tao agnarofone ty mikasike Jaona ty kirai-kiraike,
ndra mete ho ire ndra tsy re ro kirisity. [16]Jaona namale tamity firehafa aze iaby ty hoe:" Laha ty amiko, le manao
batisa anareo amity rano raho, fa misy ndaty raike hoavy te mahere mandako ahy, naho tsy soa amiko ndra ty
hamaha ty talin-kapane aza. Hanao batisa anareo amity Fagnahy Masy vaho ty arofo Re.[17]Eo antagnane ty
fikororohane mba hagnaliova soa ty ao ampamoloane vaho hamoria ty vare hoagne amity sompine. Fa horoane
amity afo tsy mete vonoe ty afoka."[18]Niarake tamity fagnanara maro hafa avao kea, Jaona nitalily vaovao soa
hoahy ty vahoake. [19]Heroda mpandily Laha fa nagnare naho ty fanambalia ty valin-drahalahine Herodiasy, vaho
naho ty zaka raty hafa iaby ze vitane, [20]le ho fagnampe ze iaby zay, le nandeha tagne ampigadra ty Jaona.[21]Naho,
laha fa7 vita batisa iaby ty ndaty iaby, le natao batisa kea Jesosy, naho laha mboe nivavake re, le nivoha ty
lagnitre, [22]naho ty Fagnahy Masy nangalake toera ka nandeha teo amine manahake ty voromahilala, naho nisy
feo bakagne an-dagnitse nanao ty hoe:" Riha ro Anako, malalako. Fale Raho naho ty aminao."[23]Laha fa
nanomboke ty asa fanompoane Jesosy, le teo amity telo-polo tao eo Re. Re ro anadahy (arake ty fandineha) Josefa,
anagny Hely, [24]anagn' i Matata, anagn'i Levy, anagn'i Melky, anagn'i Janay, anagn'i Josefa.[25]Josefa le anagn'i Matitia,
anagn'i Amosa, anagn'i Nahoma, anagn'i Elsy, anagn'i Nagay, anagn'i Mata, [26]anagn'i Matatia, anagn'i Semey,
anagn'i Josefa, anagn'i Joda.[27]Joda le anagn'i Jonatana, anagn'i Rase, anagn'i Zerobabela, anagn'i Sealtiela, anagn'i
Nery, [28]anagn'i Melky, anagn'i Ady, anagn'i Kosama, anagn'i Elmadama, anagn'i Era, [29]anagn'i Josoa, anagn'i
Eliezara, anagn'i Joreima, anagn'i Matata, anagn'i Levy.[30]Levy le anagn'i Simeona, anagn'i Joda, anagn'i Josefa,
anagn'i Jonama, anagn'i Eliakima, [31]anagn'i Melea, anagn'i Mena, anagn'i Matata, anagn'i Natana, anagn'i Davida,
[32]anagn'i Jese, anagn'i Obeda, anagn'i Boaza, anagn'i Salmona, anagn'i Nahasona.[33]Nahasona le anagn'i
Aminadaba, anagn'i Adimina, anagn'i Arny, anagn'i Herzona, anagn'i Fazera, anagn'i Joda, [34]anagn'i Jakoba,
anagn'i Isaka, anagn'i Abrahama, anagn'i Tera, anagn'i Nahora, [35]anagn'i Seroga, anagn'i Reo, anagn'i Palega,
anagn'i Ebera, anagn'i Sela.[36]Sela le anagn'i Kenana, anagn'i Arpaksada, anagn'i Sema, anagn'i Noa, anagn'i
Lameka, anagn'i [37]Metosela, anagn'i Enoka, anagn'i Jareda, anagn'i Mahalalila, anagn'i Kenana, [38]anagn'i Enosa,
anagn'i Seta, anagn'i Adama, anan'Agnahare.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Tafara zay Jesosy, laha fa feno ty Fagnahy Masy, le nihere bakagne amity Rano Jordana, naho niente ty Fagnahy
Masy tagne angefetre [2]te nangala ty devoly fagnahy Aze zisike ty efaplo andro. Tsy nihina ndra ino ino Re zisike
reo andro reo, naho tamity andro farane le kere Re.[3]Ty vevoly nirehake tamine ty hoe:" Laha anan'Agnahare Riha,
le lilio hinjare mofo o vato o." [4]Jesosy namale aze ty hoe:" Voasoratre ty hoe:' Tsy ty mofo avao ro hahavelo ty
ndaty."'[5]Bakeo niente ty devoly tegne amity toera ambone Jesosy naho natorone Aze tsiela iaby ty fanjaka iaby
zao iaby zao. [6]Ty devoly nirehake tamine ty hoe:" Homeiko anao ty fahefa iaby vaho ty famirapirane iaby, satria
le fa namoeane ahy reo, naho afake ameako, ty ndaty ze teako amea aze. [7]Laha zao, laha mihohoke vaho
manompo ahy Riha, le ho lasanao zay."[8]Kanefa Jesosy namale ka nanao aze ty hoe:" Voasoratre ty hoe:" Hiantsa
Tompo Zagnaharenao riha, naho Re arere avao ro ho tompoenao."'[9]Bakeo ty devoly le nanday Jesosy tagne
Jerosalema naho nataone tegne amity fara-tampo ty tempoly, naho nanao tamine ty hoe:" Laha anan'Agnahare
Riha, le antotao baketoy ty vatanao. [10]Satria le fa voasoratre ty hoe:' Hibaiko ty anjelene ty aminao Re, mba hiaro
anao,' [11]naho,' Re ro hagnakatre anao amity tagnane, mba tsy ho tafintohy ty vato ty tombonao."'[12]Namale aze,
Jesosy nirehake ty hoe:" Le fa nambara ty hoe:' Ko mangalake fagnahy ty Tompo Zagnaharenao."' [13]Laha fa vita ty
fangala ty devoly fagnahy Jesosy, le lasa re naho nienga aze zisike ty hahavia ty andro hafa.[14]Bakeo Jesosy nihere
tagne Galilia tamity here ty Fagnahy, naho ty vaovao miomba Aze le fa niele nagnera ty faritre magnodidy iaby.
[15]Le nanomboke nampianatre tao amity Synagoga iereo Re naho niteagn'i iaby.[16]Nandeha tagne Nazareta Re, ty
tana nahabe aze, naho arake ty fomba fataone, le nilitre tao amity Synagoga tamity andro Sabata Re ka nitsanga
mba hamaky tene mafe. [17]Natolotre aze ty sare taratasy Isaia mpamisavisa. Sinokane ty boke naho hitane ty toera
nanorata aze,[18]"Ty Fagnahy Tompo le amiko ato, satria Re nagnosotre ahy hitalily ty vaovao mahafale hoahy
mahantra. Re ro nandefa ahy hitalily fahafaha hoahy reo ze azo, naho hampipoly ty fahitaha hoahy ty goa,
hagnafake reo ze ampijale, [19]hagnombara ty taon-katean'Agnahare."[20]Bakeo le naorene ty taratasy, naherene
tagne amity mpiambe, naho nitoboke Re. Ty maso reo iaby tao amity Synagoga le niambe Aze. [21]Nanomboke
nirehake tamiereo re ty hoe:" Androany ty soratre Masy toy le lefe eo ampijanjignanareo." [22]Iaby tao le nitalily soa
ty miomba Aze naho gaga tamity tsaram-pahasoava te nakare ty vava iereo, naho nagnotane iereo ty hoe:" Fa tsy
ty anagn'i Josefa ay vao toy io?"[23]Re nirehake tamiereo ty hoe:" Azo antoke fa hitalily ty ohabola toy amiko nareo
ty hoe:' Dokotera, sitrano ty vatanao. Ndra ino ino reinay fa nataonao tao Kapernaomy, le mova hoe izao agne
amity tanenao."' [24]Nefa nirehake Re ty hoe:" Rehafeko mare aminareo, tsy misy mpamisavisa voarambe ao amity
tanene.[25]Kanefa rehafeko mare aminareo fa maro ty ampela mpivem-bata tagne Israely tamity andro Elia, laha
nihily ty lagnitre zisike ty telo tao vaho enem-bola, naho nisy kere bey tamity tane iaby. [26]Nefa ty Elia tsy nalefa
ndra tamity raike tamiereo aza, fa tao Zerapata agne Sidona avao, tagne amity mpivem-bata ze nitoboke tagne.
[27]Fa maro reo boka tao Israely tamity andro Elisa mpamisavisa, nefa tsy nisy ndra le raike tamiereo aza afake
laha tsy Namana Syriana."[28]Ty ndaty iaby tao amity Synagoga le heneke ty heloke laha fa naharey reo zaka reo.
[29]Nitsanga iereo, nanere Aze hiala ty tana, naho nandefa Aze tegne ambone ty tazoa ty nioregna ty tagna iereo,
mba hitontane amity lavake. [30]Nefa nandeha namakivaky teo agnivo iereo Re le lasa nandeha tagne amity toeran-
kafa.[31]Bakeo Re le nandeha tagne Kepernaomy, tana raike agne Galilia, naho nanomboke nampianatre iereo
tamity Sabata Re. [32]Iereo le nigaga tamity fampianara nataone, satria nirehake tamity fahefa Re.[33]Naho tao amity
Synagoga le nisy lahilahy nisy ty fagnahy maloto ty demonia, naho re le nikorake tamity feo mafe ty hoe: [34]"Ah!
Ino ro ifandraisanay aminao, ry Jesosy bakagne Nazareta? Avy mba hamoteke anay vao Riha? Haiko hoe ia Riha-
ty Raike Masin'Agnahare!"[35]Jesosy nirehake mafe ty demony, ka nanao ty hoe:" Ko mirehake naho miala amine
ao!" Laha fa nanorake ty lahilahy hitonta teo agnivo iereo ty demony, le niala tamine ao, naho tsy namere aze
kea. [36]Nigaga iaby ty ndaty iaby, naho nanohy nifampirehake ty miomba zay. Nirehake re ty hoe:" Fa rehake hoe
ty akore rie zay?" Baikoene amity fahefa vaho here ty fagnahy maloto le miakatre." [37]Laha zao le nanomboke
niele nagnera ty faritre magnodidy ty lazane.[38]Le niala ty Synagoga Jesosy naho nilitre tao antragno Simona.
Naho nampijale ty tazo mahere ty rafozam-bave Simona, naho nangatake tamine hoaze iereo. [39]Ka nitsanga teo
agnoloane Re naho nirehake mafe ty tazo, le niala tamine zay. Bakeo re le nitsanga naho nanomboke nanompo
iereo.[40]Laha fa nilenteke ty masoandro, le nanday ty ndaty iaby narere ty arete maro sambehafa amy Jesosy ty
ndaty. Nametra-tagna tamity kirai-draike iaby amiereo Re ka nagnafake iereo. [41]Ty demony avao kea le niala tao
amity maro tamiereo, nikorake mafe vaho nanao ty hoe:" Riha ro anan'Agnahare!" Jesosy nirehake mafe reo
demonia ka tsy namototre iereo hirehake, satria hay iereo fa Re ro kirisity.[42]Vaho maraindray, le nandeha tagne
amity toera mangike Re. Vahoake maro bey ro nipay Aze naho nimbaeo amity toera ze nisy Aze. Iereo le niezake
ty nita Aze mba tsy hiala eo amiereo. [43]Fa Re nirehake tamiereo ty hoe:" Tsy mahaintsy mitalily ty vaovao

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

mahafale miomba ty fanjakan'Agnahare amity tana maro hafa avao kea Raho, satria zay ro antone nagniraha Ahy etoy. [44]Bakeo Re le nanohy nitalily tao amireo synagoga magnera Jodia.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Naho zao ro niseho, laha nivory nagnodidy Jesosy ty ndaty naho nidranjy ty safan'Agnahare, le nitsanga teo
amoro ty Rano Genesareta Re. [2]Nahita sambo kele roe nijano teo amoro ty Rano re. Le niakatre tao iereo mpamita
naho nanasa ty haratone. [3]Nilitre tao amity raike tamireo sambo kele Jesosy, ze ahy Simona, naho nangatake aze
mba handefa zay egne amity rano lavidavitre ty tane. Bakeo le nitoboke re ka nampianatre reo ndaty tegne
ambaly ty sambo kele.[4]Laha fa nijano nirehake re, le nirehake tamy Simona re ty hoe:" Ento hoagne amity rano
laleke ty sambo kele le ampoho ty haratonareo mba hahazoanareo zaka-andrano ao." [5]Simona namale Aze ty
hoe:" Tompo o, te fa niasa ty hale iaby zahay, fa tsy nahazo ndra ino ino, fa naho ty safanao, le hapoko ty harato."
[6]Laha fa natao iereo zay, le nahazo zaka-andrano maro vatane iereo, naho niriatre ty harato iereo. [7]Ka nanao
fihetreke tamireo namane ze tao agnate ty sambokele raike hafa iereo fa iereo le tokone ho avy naho hagnampe
iereo. Le niavy iereo ka nameno ty sambokele roe, ka le nanomboke nilepotre ie roe.[8]Fa Simona, laha vaho nahita
zay, le nihohoke teo antombo Jesosy, nanao ty hoe:" Miala amiko, fa lahilahy mpanonta Raho." [9]Fa gaga re, vaho
iereo ze niarake tamine, naho ty habey ty zaka-tandrano ao ze niazo iereo. [10]Tagnate zay ty Jakoba vaho Jaona,
anagn'i Zebedio, te mpiaramiasa amy Simona. Jesosy nirehake tamy Simona ty hoe:" Ko matahotre, fa
manomboke zao le hagnarato ndaty riha." [11]Laha fa niente iereo tegne antane ty sambo kele iereo, le nagnega ty
zaka iaby iereo ka nagnorike aze.[12]Le nisy ty hoe zao laha mboe tao amity raike tamireo tana Re, le nisy lahilahy
feno fagnaboka teo. Laha nahita jesosy re, le nihohoke tamine eo naho nangatake amine, nanao ty hoe:"Tompo,
laha mete aminao, le afake magnalio ahy." [13]Naho le namototre ty tagnane Jesosy naho nikaiske aze, nanao ty
hoe:" Mete raho. Maliova." Teo naho eo le niafake tamine ty fagnaboka.[14]Rinarane re mba tsy hitalily ndra aminia
ia, fa nirehafene tamine ty hoe:" Oriho ty lalanao, miboaha amity mpisoro naho manolora soro hoahy ty fandiova
anao, arake ty nandilia Mosesy, mba ho fitsangana vavolombelo amiereo."[15]Kanefa ty talily miomba aze le niele
lavitre kea aza, naho vahoake maro bey ro niarake avy mba hidranjy aze nampianatre naho mba ho afake amity
arete iereo. [16]kanefa mateteke Re le niala nimbaeo amity tane foa naho nivavake.[17]Naho tamity andro raike
tamireo andro nampianarane, le nisy Fariseo vaho mpampiana-dily nitoboke teo te bakamity tana sambehafa ao
amity faritre Galilia vaho Jodia, naho kea ty ao amity tana Jerosalema. Ty here Tompo ro tamine ao mba
hagnafaha.[18]Naho nisy lahilahy ilane niavy, nanday lahilahy raike voa ty paralisisa teo amity fandreane, naho
iereo le nipay hevetre handaisa aze agnatene ao mba hanaova aze ho agnoloa Jesosy eo. [19]Tsy nahita hevetre
hampilira aze tao agnatene iereo naho reo vahoake, laha zao le nimbaeo amity ambone tragno iereo naho
nanjotso ty fandrea ty lahilahy bakeo an-tafo tragno, tamity fandreane, tagnivo ty ndaty, tagnoloa Jesosy eo.[20]Laha
fa nahita ty finoa iereo, le hoe ty Jesosy ty hoe:" Ralahilahy, vototse ty helonao." [21]Nanomboke nagnotane reo
mpanora-dily vaho reo Fariseo, ka nirehake ty hoe:" Ia moa ty mirehake raty Ty io? Ia ro afake mamototre ty
hadisoa laha tsy Zagnahare arere avao?"[22]Fa Jesosy, nahay ze dine iereo, namale naho nirehake iereo ty hoe:"
Nagnino nareo ro magnotane amponareo ao? [23]Ino ty mora rehafe kea:' Vototre ty helonao' sa ty mirehake ty hoe:'
Mitsangana naho mandehana?' [24]Nefa mba hahaianareo fa ty anagn'Ondaty le manam-pahefa hamototre heloke
antane eto, le ataliliko aminao, mitsangana, ento ty fandreanao nao mandehana agne antragnonao."[25]Teo naho eo
le nitsanga tagnoloa iereo re naho nangalake ty fandrea ze nandreane. Bakeo le niala nandeha antragnone re,
nagnomea hasy an'Agnahare. [26]Nahitake iaby naho nagnomea hasy an'Agnahare iereo. Lako tahotre iereo, nanao
ty hoe:" Nahita zaka-mahagaga tika androany."[27]Tafara ty nisehoa reo zaka reo, le niala tao Jesosy ka nahita
mpamory hetra raike atao ty hoe Levy nitoboke teo amity7 tragno lay ty mpamory hetra. Nirehake tamine re ty
hoe:" Magnoriha Ahy." [28]Le nitsanga ty Levy ka nagnorike Aze, ka nienga ty zaka iaby.[29]Le nanao fagnafaram-bey
tantragnone ao hoahy Jesosy ty Levy. Maro reo mpamory hetra vaho reo ndaty hafa ze nitoboke teo amity
latabatre naho nihina niarake tamiereo. [30]Kanefa reo Fariseo vaho reo mpanora-dily le nitaray tamireo
mpianane, nanao ty hoe:" Nagnino riha ro mihina vaho mino miarake amireo mpamory hetra vaho ty ndaty
mpanonta hafa?" [31]Namale iereo Jesosy ty hoe:" Tsy mipay dokotera ty salama; fa reo marare avao. [32]Tsy avy
hikaike ty mare ho amity hibebake raho, fa hikaike ty mpanonta mba hibebake."[33]Le hoe iereo tamine ty hoe:"
Reo mpiana Jaona le mateteke mifaly hane vaho mivavake, naho reo mpianatre reo Fariseo le manao hoe izay
koa. Kanefa ty mpiananao le mihina vaho mino." [34]Jesosy nirehake iereo ty hoe:" Feie vao misy ndaty mahavita
mampifaly hane ty longo ty mpangalake laha ohatre mboe mitoboke eo amiereo ty mpangalake? [35]Fa hoavy ty
andro ty hagnafaha ty mpangalake amiereo eo, naho amize andro zay le hifaly hane iereo."[36]Le nanao fagnohara
tamiereo kea Jesosy." Tsy misy ndaty mandriatre tampandamba bakamity lamba vao naho mampiasa zay mba
hamboara ty lamba riatre. Laha manao zay re, le hanimba ty lamba vao, naho ty tampandamba bakamity lamba
vao le tsy hitovy amity lamba riatre.[37]Tsy misy ndaty magnisy divay vao agnate ty siny holitre riatre. Laha manao
zay re, la handriatre ty holitre ty divay vao, naho le hirarake ty divay, naho ho simba ty siny holitre. [38]Fa ty divay



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

vao le tsy mahaintsy atao ao agnate ty siny holitre vao. [39]Tsy misy ndaty baka nino ty divay taloha ka hipay ty vaovao, fa hoe re ty hoe:' Ty taloha ro soa.'"

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 6

[1]Naho tamity Sabata le nandeha nimbaeo antanembare ty Jesosy naho reo mpianatre nangalake ty salohim-bare,
nakose zay amity tagna iereo naho nihina ty voane. [2]Fa ty ilane tamireo Fariseo kea nanao ty hoe:" Nagnino nareo
ro manao zaka tsy ara-dala ty manao aze amity andro Sabata?"[3]Namale iereo, Jesosy ty hoe:" Mboe tsy
vinakinareo kea vao ze natao Davida laha fa kere re, re vaho reo lahilahy ze niarake tamine? [4]Nandeha mbaeo
antragnon'Agnahare re, naho nandrae ty mofo ty fiatreha vaho nihina ty agnilane tamizay, naho nameane ty
agnilane kea ty lahilahy ze niarake tamine mba hihina, ndra le ty mpisoro avao aza ro arake ty lily laha mihina
zay." [5]Bakeo Re nirehake tamiereo ty hoe:" Ty anagn' Ondaty le Tompo ty Sabata."[6]Naho tamity Sabata le nandeha
tao amity synagoga Re le nampianatre ty vahoake tao. Nisy lahilahy raike mate tagna havana tao. [7]Nagnara maso
aze soa reo mpanora-dily vaho reo fariseo mba hahita laha hagnafake ndaty amity Sabata Re, mba hahafaha
iereo mahita antone hitana Aze. [8]Kanefa haine ze tao antsay iereo naho nirehake tamity lahilahy mate tagna Re
ty hoe:" Mitsangana, naho mandena bakao agnivo ty ndaty maro eto." Ka nitsanga ty lahilahy naho nitsanga teo.
[9]Jesosy nirehake tamiereo ty hoe:"Magnotane anareo raho, ara-dala amity Sabata vao ty fanoa soa sa ty fanoa ty
raty, ty magnavotre arofo sa ty mamoteke Aze?" [10]Naho nangete ty magnodidy aze iaby Re ka nirehake tamity
lahilahy ty hoe:" Ahitio ty tagnanao." Nanao zay re, naho afake ty tagnane. [11]Nefa lako heloke iereo naho
nifampirehake miomba ze mete hatao iereo amy Jesosy.12Tamize andro zay le nandeha mbaeo ambohitre Re
mba hivavake. Tinohy zisike ty hale iaby ty fivavaha tamin'Agnahare. [13]Laha fa avy ty andro, nikaike ty mpianane
hoamine ao Re, naho nifily roe ambifolo tamiereo Re, teie atao ty hoe kea Apostoly.[14]Ty agnara reo Apostoly reo
le Simona( re ty atao ty hoe Petera) naho ty rahalahine Andrea, Jakoba, Jaona, Filipo, Bertelemeo, [15]Matio, Tomasy,
Jakoba anadahy Alfeo, Simona ty atao ty hoe Zelota, [16]Jodasy anagn'i Jakoba, naho Jodasy Iskariota, te lasa
nivadike.[17]Bakeo Jesosy nizotro ty vohitse niarake tamiereo le nitsanga tamity tane mare niarake tamity
mpianane maro vaho vahoake maro bakagne Jodia vaho Jerosalema naho ty sisin-tane Tyro vaho Sidona. [18]Avy
reo mba hidranjy Aze naho mba ho hafahe amity arete iereo. Afake ty vahoake te sahiragna ty fagnahy maloto.
[19]Ty ndaty iaby tamireo vahoake le niezake ty hikasike Aze avao satria niakatre bakamine ty here magnafake,
naho afake ie iaby iaby.[20]Le nagnete ty mpianane Re, naho nanao ty hoe:" Sambatre nareo ze mahantra, fa anareo
ty fanjakan'Agnahare. [21]Sambatre nareo ze kere henanezao, fa ho voky nareo. Sambatre nareo ze mitagny
henanezao, fa hihehe nareo.[22]Sambatre nareo laha fa malay anareo ty ndaty naho laha fa ahify iereo vaho haratie
iereo nareo, naho ty amity ndaty. [23]Mifalea amize andro zay naho mibitaha an-kafalea, satria azo antoke fa
hahazo valesoa bey agne andagnitse nareo, fa mitovy amizay ro nandaisa razanereo ty mpianane.[24]Fa loza ho
anareo ze manan-kare, te le fa azonareo ze maha-po anareo. [25]Loza hoanareo ze voky henanezao, fa mboe ho
kere nareo agne afara agne. Loza hoanareo ze homehe henanezao, fa handala vaho hitagny nareo agne afara
agne.[26]Loza hoanareo, laha fa mirehake soa miomba anareo ty ndaty iaby, fa mitovy amizay ty natao ty raza iereo
tamireo mpianane sandoke.[27]Fa mirehake aminareo ze midranjy raho, teavo ty fahavalonareo naho manova ty
soa amize malay anareo. [28]Tahio ze magnozo anareo naho mivavaha hoahy reo ze manao tsinontsino anareo.
[29]Laha misy mamofoke ty fifinao raike, le ameo aze kea ty ilane raike. Laha misy ndaty mangalake ty lambanao,
ko mita ndra le ty ankajonao kea aza. [30]Ameo iaby ze mangatake aminao. Laha misy ndaty mangalake ty zaka ze
anao, ko mangatake ty hagneregna zay aminao.[31]Manahake ze teanao hatao ty ndaty aminao, le tokone hataonao
amiereo kea zay. [32]Laha ze ndaty tea anao avao ro teavenao, ino ro soa ho azonao amizay? Fa ndra ty mpanota
aza mba te ze tea aze kea. [33]Laha amize ndaty manao soa anao avao riha ro manao soa, ino ro soa hoazonao
amizay? Fa ndra ty mpanota aza manao hoe izay. 34Laha tsy mampindra laha tsy amize ndaty lignasa fa
hampipoly zay aminao avao riha, ino ro soa hoazonao amizay? Fa ndra ty mpanota aza mampindra ty mpanota,
mba hahazoa hoe zay kea.[35]Fa teavo ty fahavalonareo naho manova ty soa hoahy rey. Mampindrama ko miambe
valene naho ho bey ty valesoanareo naho ho Ana ty Ambone ao vatane nareo, fa Re vatane le soa fagnahy amize
tsy misaotre vaho ty ndaty raty fagnahy. [36]Managna fandefera, manahake ty Raenareo mpandefetre.[37]Ko mitsara,
naho tsy ho tsarae nareo. Ko masiake, naho tsy ho helofa nareo. Mamotora ty hafa, naho ho votora nareo.
[38]Magnomeza, le hamea anareo zay. Fahafoezam-bey_ teie milobaloba, miarake-mitoba naho mitobake_ro
hararake eo aminao. Arake ty famaharanareo, ro hamahara anareo hoe zay kea."[39]Bakeo Re nanao fagnohara
tamiereo kea."Feie vao ty ndaty Goa afake mitarike ndaty goa hafa? Laha manao zay re, le mete hipoke agne
andavake ie roe, sa Vande? [40]Ty mpianatre raike le tsy bey naho ty mpampianane, fa iaby nahalefe ty fiofagna le
hitovy amity mpampianane.[41]Fa nagnino riha ro magnete ty tsilan-ketae kele ao agnate ty maso ty rahalahinao,
kanefa tsy mahita ty vatan-ketae ao agnate masonao? [42]Ino ro irehafanao ty rahalahinao ty hoe:' Ry rahalahy,
mamotora ahy hagnafake ty tsilan-ketae eo amity masonao eo o,' laha fa tsy hitanao kea ty vatan-ketae eo amity
masonao?Ry mpiatsaravelatsihy! Afaho eo amity masonao heke ty vatan-ketae, bakeo le hahita soa riha ka afake

hagnafake ty tsilan-ketae eo amity maso ty rahalahinao.[43]Fa tsy misy hetae soa hamokatre voa lo, ndra ty hoe hetae lo hamokatre voa soa. [44]Fa ty hetae kirai-kiraike le hay amity karazam-boane ze vokarene. Fa ty afake ty hihaza aviavy amity fatike ty ndaty, ndra hangalake voaloboke amity hetae voaroy.[45]Ty ndaty soa mamokatre ze soa bakamity harea soa ty arofone, naho ty ndaty raty mamokatre ty raty bakamity harean-draty ty arofone. Fa ze akare ty arofone ro rehafe ty vavane.[46]Fa magnino nareo ro mikaike ahy ty hoe:' Tompo,' kanefa nareo tsy magnenke ze zaka rehafeko? [47]Ty ndaty iaby magnotane Ahy vaho maharey ty rehako naho magneke zay, le ho rehafeko aminareo hoe ty ino re. [48]Manahake ty ndaty ze nagnore tragno re, te nihaly laleke teo amity tane naho nagnore ty foto ty tragno teo ambone vato. Laha fa niavy ty ranobey, le nandriake nandietre ze tragno zay ty ranobey, fa tsy nagnozo aze, satria soa ore reke.[49]Naho ze ndaty maharey ty rehako nefa tsy magneke zay, le mitovy amity ndaty ze nagnore tragno teo ambone ty tane ka tsy nagnisy fototre. Laha fa nandriake nagnisy tragno o ty ranobey, le nitonta kea zay, naho rava vatane ze tragno zay."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 7

[1]Laha fa nahavita nirehake ty zaka iaby teo agnoloa ty vahoake Jesosy, le nilitre tao Kapernaomy Re.[2]Naho nisy
kapitene raike nana mpanompo ze vatane hajaene, naho narare le fa ho nimate re. [3]Laha fa naharey ty miomba
Jesosy ty kapitene, le nagnirake olobey Jiosy hoagne amine re, hangatake Aze mba hoavy naho hagnafake ty
mpanompone. [4]Naho laha fa niavy teo amy Jesosy iereo, le nangatake mafe tamine, nanao ty hoe:" Soa ty
hanaovanao zay hoaze re, [5]satria teane ty firenenay, naho re ty nanao ty Synagoga ho anay."[6]ka le nanohy ty
lalane niarake tamiereo Jesosy. Te laha mboe tsy lavitre ty tragno Re, le nandefa nama ty kapitene nirehake
tamine ty hoe:" Tompo, koy misahira riha, satria tsy soa ty hiliranao ao ambane ty tafon-tragnoko raho. [7]Laha zao
le tsy nidineke ty vatako ho mete hombaeo aminao raho, fa mirehafa rehake raike avao le ho afake ty
mpanompoko. [8]Ka satria zao kea le lahilahy te ambane fahefa, mana miaramila ao ambaneko kea. Hoe raho
amity raike toy ty hoe:'Mandehana,' le mandeha re, naho amity raike hafa:' Avia,' le niavy re, naho amity
mpanompoko ty hoe:' Anovo toy,' naho le ataone zay."[9]Laha fa naharey zay ty Jesosy, le hitake tamine Re, naho
nitolike tamireo vahoake ze nagnorike Aze le nanao ty hoe:" Rehafeko aminareo, fa ndra le tagne Israely aza tsy
nahitako finoa hoe zao." [10]Laha fa nimpoly tagne antragno reo ze nirahe, le nahita fa salama soa ty mpanompo.
[11]Tafara kele zay, le nadeha tagne amity tana atao ty hoe Naina Jesosy, naho niarake tamine reo mpianane vaho
reo vahoake maro bey. [12]Laha niharine ty vavahady ty tana Re, ingo, nisy lahilahy raike te fa mate niente
niakatre, anadahy toka ty renene( te mpivem-bata), naho vahoake maro bey bakao amity tana ro niarake tamine.
[13]Laha nahita aze ty Tompo, le nalahelo vatane aze ka nanao tamine ty hoe:" Ko mitagny." [14]Bakeo le niakatre re
naho nikasike ty hazo nandaisa iereo ty fate, naho nijano reo nanday aze. Hoe Re ty hoe:" Ry ajalahy, hoe Raho
aminao, miaregna." [15]Le niare ty mate ka nanomboke nirehake, naho Jesosy nanolotre aze teo amity renene.
[16]Naharese aze iaby ty tahotre, ka nanohy niantsa an'Agnahare zisikagne iereo, nanao ty hoe:" Mpamisavisa bey
ro natsanga eto amintika" naho" Zagnahare nitsinjo ty ndatine." [17]Ty vaovao miomba Jesosy toy le niele nagnera
Jodia vaho reo faritre magnodidy iaby.[18]Reo mpiana Jaona nanao tamine ty miomba reo zaka reo. [19]Le nikaike roe
tamireo mpianane Jaona ka nagnirake iereo hoagne amity Tompo mba hanao ty hoe:" Riha vao ty hoavy, sa
tokone mboe hagnete hafa zahay?" [20]Naho laha fa namonje marine Jesosy iereo, le hoe reo lahilahy ty hoe:" Jaona
mpanao batisa ro nagnirake anay atoy aminao hagnotane ty hoe:' Riha vao ty hoavy, satokone mboe hagnete hafa
zahay?"'[21]Naho tamize lera zay le nahafake ndaty maro tamity arete vaho fijalea naho hirifiry bakamireo fagnahy
raty Re, naho ndaty goa maro ro nampahitavene. [22]Jesosy namale ka nanao tamiereo ty hoe:" Laha fa baka
nandeha tamity lalanareo nareo, ento amy Jaona ze hitanareo vaho reinareo. Nahita ty goa, nandeha ty kitsa, reo
nalio ty haboka, naharey ty maregne, nitsangan-ko velo ty mate, naho nitalilia ty zaka soa ty ndaty mboe tsy
ampe zay. [23]Sambatre ty ndaty ze tsy mitofa ty mino Ahy naho ty ataoko."[24]Naho laha lasa reo ira Jaona, le
nanomboke nirehake tamity vahoake Jesosy ty miomba Jaona ty hoe:" Hagnente ino ro niakara nareo tagne
agnefetre? Volontara hinozo ty tioke vao? [25]Fa hagnete ino ro niakaranareo tagne? Lahilahy miakanjo soa vao?
Henteo, reo ze misiky akanjo lafo vily vaho reo mivelo ao amity havelo soa le ao amity lampa ty mpanjaka. [26]Fa
hagnete ino ro niakaranao tagne? Mpamisavisa vao? Eka, hoe Raho aminareo, naho mihoatre lavitre naho ty
mpamisavisa.[27]Re ro iaze voasoratre ty hoe:' Ingo, alefako aloha nao ty mpanday taliliko, te hagnoma ty lalanao
mialoha anao.' [28]Ataliliko aminareo, fa aminareo ze nateran-ampela le tsy misy bey mandako Jaona. Nefa ty kele
vatane ao amity fanjakan'Agnahare le bey naho re."[29](Laha fa naharey zay ty ndaty iaby, agnate zay reo mpamory
hetra, le nagnambara fa mare ty Zagnahare, satria natao batisa tamity batisa Jaona iereo. [30]Fa reo Fariseo vaho
reo mpahay lily Jiosy kea nilietse ty dinen'Agnahare hoahy ty vata iereo, satria tsy natao Jaona Batisa.)[31]Amity ino,
naho, ro hahafahako mampitovy ty ndaty amity foko toy? Manahake ty ino vao iereo?
[33]Fa Jaona mpanao Batisa niavy tsy nihina mofo naho tsy nino divay, le hoe nareo ty hoe:' Misy devoly re.' [34]Ty
ndaty niavy hihina vaho hino, le hoe nareo ty hoe:' Henteo, fa mahake vaho mpino re, nama reo mpamory hetra
vaho mpanota!" [35]Fa ty hamarea le voamare amity anane iaby."[36]Naho ty raike tamireo Fariseo nagnafatre Jesosy
hisakafo miarake tamine. Ka laha fa baka nilitre tao antragno ty Fariseo Jesosy, le nitoboke nihina teo amity
latabatre. [37]Ingo, nisy ampela tao antana teie mpanota. Naho laha fa nahita re fa nitoboke teo amity latavatre tao
antragno ty Fariseo Re, le nanday tavoara alabastara feno menake magnitre re. [38]Naho laha nitsanga tafarane teo
agnila ty tombone re, le nitagny, ka nanomboke nande ty tombone tamity ranomasone, ka le finafane tamity
volon-dohane reo vaho nagnoroke ty tombone naho nagnosotre reo tamity menake magnitre.[39]Laha fa nahita zay
reo Fariseo nagnafatre Jesosy, le nidineke, nirehake ty hoe:"Laha mpamisavisa io lahilahy io, le tokone ho haine
ty hoe karazan-ampela manao akore io mikitike aze eo, fa mpanota ao." [40]Jesosy namale ka nirehake tamine ty
hoe:" Simona, misy zaka ho rehafeko aminao." Hoe re ty hoe:" Rehafo zao, Mpampianako!"[41]Jesosy nanao ty hoe:"
Nisy mpampindram-bola nana mpitrosa roe lahy. Ty raike le tokone handoa diman-jato denaria, ty raike dimam-


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

polo. [42]Laha fa tsy afake nandoa zay tamine iereo, le sambe nengane ie roe lahy. Laha zao, ia amie roe lahy ro
vatane ho tea aze?" [43]Simona namale aze ka nanao ty hoe:" Dineheko fa ty iaze namoezane bey." Le hoe Jesosy
tamine ty hoe:" Mare ty tsaranao."[44]Naho Jesosy nitolike tagne amity ampela ka nanao tamy Simona ty hoe:"
Hitanao io ampela ao. Nilitre tato antragnonao Raho. Tsy nagnomea rano hanasa ty tomboko riha, fa re nahale ty
tomboko tamity ranomasone naho namafe aze tamity volon-dohane. [45]Tsy nagnoroke Ahy riha, te zisike ty
nilirako tato le tsy nijano nagnoroke ty tomboke re.[46]Tsy hinoso nao diloilo ty lohako, fa re nagnosotre ty tomboko
tamity menake magnitre. [47]Laha zao le mirehake aminao Raho fa, reo hadisoane, ndra maro, le afake_satria re
lako hatea. Fa nenga kele, le tea kele."[48]Le hoe Re tamine ty hoe:' Afake reo hadisoanao." [49]Reo niara-nitoboke
nihina teo le nanomboke nifampirehake teo amiereo ty hoe:" Ia moa ty naho le mamototre ty heloke?" [50]Bakeo
hoe Jesosy tamin-drampela ty hoe:" Ty finoanao ro nahavonje anao. Mandehana ampilamina."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 8

[1]Naho tafara kele zay le nanomboke nandeha nitete tana vaho vohitse sambehafa Jesosy, nitalily vaho
nagnambara ty zaka soa mikasike ty fanjakan'Agnahare. Niarake tamine reo roe ambifolo lahy, [2]manahake reo
ampela ilane ze afake tamity fagnahy raty vaho ty arete: Maria te atao ty hoe Magdalena, zay te fa nagnakara
devoly fito; [3]Johana, valy Koza, ty mpitan-draraha Heroda, naho Sosana; vaho reo maro hafa kea, zay, tamity
fanagna iereo, le nagnomea ze paie iereo.[4]Laha mboe nisy vahoake maro nivory, le avy hamonje aze reo ndaty
tamity isan-tana, Le nanao fagnohara re ty hoe: [5]"Nisy mpambole niakatre mba hambole ty voane. Laha re
namboleigne, le nipoke tegne andala ty ilane naho le voalialia zay, naho lany ty voron-dagnitse. [6]Ty ilane kea
voavole tegna amity vato, ka laha vaho niakatre le nalazo zay, satria tsy nisy lende.[7]Naho ty ilane le voavole teo
amity fatike, naho ty fatike niarake nitiry tamity voane ka nipake zay. [8]Ty ilane voavole tegne amity tane lonake
ka namoa vokatre zay soa lavitre ambone ty zato." Tafara Jesosy nirehake reo zaka reo, le nikaike mafe re ty
hoe:" Ze manan-tsofy hidranjigna, ao re hidranjy."[9]Nagnontane aze reo mpianane ty amity tea ze fagnohara zay
hambara. [10]Hoe Re ty hoe:" Ty fahaia ty zaka mihaja ty fanjakan'Agnahare le namea anareo, fa hoahy ty hafa le
mirehake amity fagnohara raho, mba hahita iereo ndra le mahita aza, naho tsy hahay ndra le maharey
aza."[11]Naho zao ro dika ty fagnohara: ty voane le ty safan'Agnahare. [12]Reo voavole tagne amity sisin-dala le reo ze
maharey, feie bakeo le niavy ty devoly ka mangalake ty tsara tao agnarofone, mba tsy hino vaho ho voavonje
iereo. [13]Naho reo teo amity vato kea le reo ze, laha fa maharey ty tsara, le mahazo zay amin-kafalea. Nefa tsy misy
tahone reo; tsiela avao ty finoa iereo, naho amity andro fitsapa le lavo iereo.[14]Reo voa voavole teo amity fatike le
reo ndaty maharey ty rehake, fa laha fa mandeha amity lalane iereo, le voata ty fisalasala vaho ty harea naho ty
hasoa ze havelo zao,ka tsy matoe ty voane. [15]Fa ty voa voavole tamity tane soa, le reo ro, maharey ty tsara tamity
arofo mare vaho soa, naho iereo mita aze soa naho namokatre ampahareta.[16]Naho, tsy misy ndaty, laha fa
nandrehetre Jiro, le manako aze amity takone ndra manao zao ao ambane fandrea. Fa kea, manao aze eo amity
fanoan-jiro, mba ho hita ty ndaty iaby ze militre ty hazava. [17]Satria tsy misy tako te tsy hampahaize, ndra zaka
mihaja zay tsy ho hay naho hiseho eo amity haza. [18]ka midranjigna soa, ze mana, le mboe ho mea ndraike, fa riha
ze tsy mana kea, ndra ze kele ataone anagnane aza le hafahe amine."[19]Bakeo ty renene vaho ty rahalahine
namonje aze, nefa tsy afake niharine Aze naho ty vahoake. [20]Nisy nirehake tamine ty hoe:' Ty renenao vaho ty
rahalahinao le mitsanga ambalike eo, te hahita anao." [21]Fa Jesosy namale vaho nirehake tamiereo ty hoe:" Ty
reneko vaho ty rahalahiko le reo ze maharey ty safan'Agnahare vaho manao zay."[22]Naho andro raike le nandeha
sambo kele Re niarake tamireo mpianane, naho re nirehake tamiereo ty hoe:' Andao tika hoegne andafe ty rano."
Le lasa iereo. [23]Fa laha nandeha ay iereo le azon-droro Jesosy. Naho nisy tioke tamiereo eo, ka feno rano ty sambo
kele, naho nirien-doza iereo.[24]Bakeo nimbamine eo namoha Aze reo mpiana Jesosy, nanao ty hoe:" Tompo o! Ho
mate tika!" Naho nifoha re ka nirehake mafe ty tioke vaho ty rano magnonja, naho nitampetre reo, ka nisy
alahelo teo. [25]Naho nirehake tamiereo Re ty hoe:" Aia ty finoanareo?" naho natahotre mafe iereo. Naho natahotre
ro vaho gaga avao kea iereo, naho nifagnotane ty hoe:" Ia vao io, ro mandily ndra ty tioke vaho ty rano aza, naho
magneke Aze eo?"[26]Iereo le nahazo ty faritre Gerasena, ty tandrife ty rano Galilea. [27]Naho laha fa niakatre
hombaeo antane Jesosy, le nifanoje tamity lahilahy raike bakao antana ty nisy devoly. Naho le fa re ro tsy nisiky,
naho tsy nitoboke tao antragno fa tegne amity kibory.[28]Laha fa nahita Jesosy re, le nikorake mafe vaho nihohoke
teo agnoloane ka nirehake tamity feo mafe ty hoe:" Ino iarahanao amiko, ry Jesosy, anan'Agnahare Ambone ao?
Mangatake anao raho, ko mampijale ahy." [29]Fa Jesosy nandily ty fagnahy maloto hiala tao amity lahilahy. Te le fa
zisike ty andro maro ro nita aze zay, ka ndra le finehe tamity sene vy vaho gadra naho niambena aza re, le
pinotene ty senene naho niente ty devoly tagne agnefetre re.[30]Jeosy nagnotane aze ty hoe:" Ia ro agnaranao? Naho
hoe re ty hoe:" Legiona," fa maro ty demonia le fa nilitre tao amine. [31]Iereo nangatake Aze zisikagne mba tsy
handefa aze hoagne amity lavake tsy hita popoke.[32]Naho nisy kisoa maro nihina teo agnila ty tazoa. Ka nangatake
aze ty devoly mba hamototre iereo ho ao amireo, ka namototre aze re. [33]Ka niakatre tao amity lahilahy ty devoly
naho nifindra tao amireo kisoa, naho nilailay tagne amity lavake nimbaeo amity rano kisoa rey ka mate.[34]Naho
laha nahita ty zaka niseho reo mpiarake kisoa, le nilay ka nitalily zay tao antana vaho tagne ambaibo. [35]Laha zao
le niakatre ty vahoake tao antana mba hagnete ty zaka niseho, naho namonje Jesosy iereo ka nahita ty lahilahy te
niakara ty devoly. Naho re nitoboke teo antombo Jesosy, nisiky vaho vory say; naho natahotre iereo.[36]Bakeo reo ze
nahita zay nirehake iereo ty fomba nahafaha ty lahilahy najaka ty devoly. [37]Naho ty vahoake iaby tao amity
faritane Gerasena le nangatake Jesosy mba hiala amiereo eo, satria lasa natahotre mafe iereo. Laha zao le
nandeha sambo kele Re mba hahafaha iereo mihere.[38]Ty lahilahy niakara ty devoly le nangatake tamine mba
hamototre aze handeha hiarake amine, fa Jesosy nandefa aze, nanao ty hoe: [39]" Miheregna agne antragnonao ka
magnomea talily feno miomba ze nataon'Agnahare taminao." Naho ty lahilahy nandeha tamity lalane, le

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nagnambara magnera ty tana iaby ze natao Jesosy tamine.[40]Naho laha fa nihere Jesosy, le nandrae aze ty vahoake,
fa iereo le fa niambe aze. [41]Ingo, nisy lahilahy raike atao ty hoe Jairo, ty raike tamireo mpitarike tao amity
Synagoga, namonje vaho nihohoke teo antombo Jesosy, ka nangatake aze mba hoagne antragnone, [42]satria ty
anakampelane toka, te ajampela teo amity roe ambifolo tao eo, le fa eo ambava ty fate. Laha nandeha tamity
lalane Jesosy, le niarake nifandrombake nagnodidy aze ty vahoake maro.[43]Naho nisy ampela raike teo le fa
nandeha lio zisike ty roe ambifolo tao naho le fa nandany ty volane iaby, (Fagnamarea: Reo manam-pahaia le
mizarazara hevetre laha tokone atao eto ty fehen-tsara ty hoe:" Nandany ty volane iaby(re) naho tsy nisy
nahafake aze ndra ia ia. [44]Naho re le nimbaeo afara Jesosy ka nikasike ty rambon-dambane, le nijano amizay ty
lione.[45]Jeosy nanao ty hoe:" Ia ty nikasike Ahy teo?" Laha fa nilietre iaby, le hoe ty Petera ty hoe:" Tompo,
magnodidy anao ty vahoake iaby naho manere anao." [46]Fa Jesosy nanao ty hoe:"Nisy nikasike raho, satria haiko fa
nisy here niala bakamiko ato."[47]Laha fa hita ty ampela fa tsy tako re, le nihotre re naho nihohoke tamine eo.
Nambarane teo amaso ty ndaty ty antone nikasihane Aze, vaho ty fomba nahafake aze eo naho eo. [48]Naho re
nirehake tamine ty hoe:"Ry anakampela, ty finoanao ro nahafake anao. Mandehana ampilamina."[49]Bakeo laha
mboe nirehake re, le nisy ndaty raike bakamity tragno ty mpitarike synagoga, nanao ty hoe:" Mate ty
anakampelanao. Ko manahira ty mpampianatre sase." [50]Te laha fa naharey zay ty Jesosy, le namale Jairo Re ty
hoe:"Ko matahotre; minoa avao, le afake re."[51]Laha fa nimbaeo antragno Re, le tsy namototre ndra le ndaty raike
aza hiarake hilitre amine laha tsy Petera vaho Jaona vaho Jakoba, vaho ty rae ty kolo naho ty renene. [52]Naho iaby
le nandala vaho nitagny aze, [53]Fa re nanao ty hoe:" Ko mitagny; tsy mate re eo fa miroro." Le nihehe aze iereo,
satria hay fa mate ty ajampela.[54]Fa nalaene tamity tagnane re ka nikaike mafe, nanao ty hoe:" Anake,
mitsangana!" [55]Naho nihere ty fagnahine, ka niare amizay re. Naho nibaiko iereo Re mba hagnomea hane hoaze.
[56]Naho gaga ty rae-aman-drenene, fa Re kea nandrara iereo mba tsy hitalily ndra aminia ia ty zaka nisy.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 9

[1]Nikaike reo roe ambifolo Re naho nagnomea iereo ty here vaho fahefa amireo demonia iaby naho hagnafake reo
arete. [2]Nalefane iereo hitalily ty fanjakan'Agnahare vaho hagnafake ty marare.[3]Hoe Re tamiereo ty hoe:" Ko
manday ndra ino ino amity lianareo_tsy misy tehe, tsy misy kitapom-basy, tsy misy mofo, tsy misy vola, naho tsy
misy akanjo fagnampene. [4]Ze tragno iliranareo, le mijanogna ao mandra-pialanareo.[5]Ndra ia ia tsy handraesa
iereo anareo, laha fa mienga ze tana zay nareo, le ahintsagno hiala amity tombonareo ty deboke mba ho fisehoa
vavolombelo handiera iereo.'[7]Naho rey Heroda mpanjaka iaby reo zaka nisy, naho le vere hevetre re, satria
voareha ty ilane fa Jaona mpanao Batisa le nitsanga tamity mate, [8]naho voalaza fa niseho Elia, naho ty ilane kea
mirehake fa raike tamireo mpamisavisa taloha ro nitsanga amity mate. [9]Hoe ty Heroda ty hoe:" Zaho ro nanam-
padoha Jaona, ka ia koa ze ndaty ahareizako zaka hoe izao?" Naho niezake ty hahita Aze re.[10]Laha fa nihere reo
apositoly, le nitalily tamine reo zaka iaby vita iereo. Bakeo nientene niarake tamine iereo, naho nandeha nitoka
hoamity tana atao ty hoe9 Betsaida. [11]Fa vaho naharey ty miomba zay reo vahoake, le nagnorike Aze. Le
niraesene iereo naho nambarane iereo ty miomba ty fanjakan'Agnahare, naho nagnafake reo ze nipay fagnafaha
Re.[12]Naho laha fa ho hariva ty andro, le namonje aze reo roe ambifolo ka nanao ty hoe:" Ampandenao vahoake
reo mba hahafaha iereo mandeha agne amireo tana magnodidy vaho ambanevohitre mba hahita firoroa vaho
hane, satria amity tane foa atoy tika." [13]Fa hoe Re tamiereo ty hoe:" Ameonareo zaka ho hane iereo." Naho
nirehake iereo hoe:" Tsy mana laha tsy mofo dime vaho fia roe zahay_laha tsy hoe mandeha zahay naho mivily
hane hoahy reo ndaty iaby reo." [14](Teo le nisy teo amity lahilahy dime arivo eo). Naho nirehake tamireo mpianane
Re ty hoe:" Anovo kidimampolo isane iereo."[15]Ka le nanao zay iereo, naho nampitoboke reo vahoake. [16]Nandrae
reo mofo dime vaho fia roe, le nagnandrandra ty lagnitse re, nisaotre reo naho zinarazarane, ka le nameane reo
mpianatre zay mba ho tolora reo vahoake. [17]Nihina ie iaby ka afa-po, naho naovry ze sisa tsy lany_ka nisy
pitopitone roe ambifolo haro.[18]Naho laha fa nivavake arere Jesosy, le niarake tamine reo mpianatre. Le
nagnotane iereo Re, nanao ty hoe:" Ataonareo vahoake ho ia vao raho?" [19]Namale iereo ty hoe:" Jaona Mpanao
batisa. Fa ty ilane nanao ty hoe Elia, naho ty ilane mirehake fa nitsanga amity mate ty raike tamireo mpamisavisa
taloha."[20]Naho nirehake tamiereo re ty hoe:" Fa ataonao ho ia vao Raho?" Namale Petera ty hoe:" Ty
kirisitin'Agnahare." [21]Fa rinara mafe iereo tsy hitalily zay ndra aminia ia, [22]nanao hoe:" Ty anagn'Ondaty le tsy
mahaintsy hijale amity zaka maro naho ho liere reo olobey vaho loha ty mpisoro naho reo mpanora-dily, ho
vonoe Re naho amity andro fahatelo le hatsanga."[23]Naho hoe Re tamie iaby ty hoe:"Laha misy tehagnorike Ahy, le
tsy mahaintsy milietre ty vatane re naho manday hetae fijaleane isan'andro naho magnorike Ahy. [24]Ndra ia ia te
hagnavotre ty arofone le hagnary zay, fa ndra ia ia magnary ty arofone naho ty fitea Ahy le hagnavotre zay. [25]Ino
ro soa azo ty ndaty amity fanagna zao iaby zao, kanefa magnary ndra mamoteke ty arofone?[26]Fa ndra ia ia
megnatre ty amiko vaho reo rehako, le ho megnatre aze kea ty Ndaty laha fa avy amity hasine, vaho ty hasy ty
Rae vaho reo anjele masy Re. [27]Fa rehafeko mare aminareo, fa ty ilane amireo ze mitsanga eto le tsy hahita fate
aloha ty hahitane ty fanjakan'Agnahare."[28]Naho valo andro teo eo tafara ty nitalilia Jeosy reo rehake reo, le
nientene niarake tamine Petera vaho Jaona naho Jakoba ka niakatre ty vohitse hivavake. [29]Laha nivavake ey re, le
niova ty toera ty tarehene, naho nivalike foty bey ty akanjone.[30]Ingo, nisy roe lahy nirehake tamine, Mosesy vaho
Elia, [31]te niseho tamin-kasy mamirapiratre. Nirehake miomba ty fialane Re, te hoentene hatao agne Jerosalema.
[32]Naho Petera vaho reo ze niarake tamine le navesatre ty roro, fa laha fa vatane taitre vatane iereo, le nahita ty
hasine vaho reo lahilahy roe ze nitsanga niarake tamine. [33]Naho laha fa niala nagnalavitre Jesosy iereo, le hoe ty
Petera tamine hoe:" Tompo, soa amintika ty mijano eto. Engao zahay hamboatre aloke eto, raike ho anao, raike
hoahy Mosesy, naho raike hoahy Elia." (Tsy haine ty ho rehane.)[34]Teo ampirehafa zay re, le nisy raho niavy
nanako iereo, ka le natahotre iereo laha fa nilitre tao amity raho. [35]Nisy feo niakatre bakagne amity raho, nanao
ty hoe:" Ty ro anadahiko, ty raike ty voafily; dranjigno re." [36]Laha fa nirehake ty feo, le Jesosy arere avao ro hita
teo. Nita ty filaminane iereo naho tsy nirehake taminia ia tamize andro zay ty miomba iaby ze hita iereo.[37]Naho ty
andro magnarake eo, laha fa nandeha bakagne ambohitre iereo, le vahoake maro nifanoje tamine. [38]Ingo, nisy
lahilahy raike bakao amity vahoake ro nikorake mafe, nanao ty hoe:" Ry mpampianatro, managatake aminao
raho mba hagnete ty anadahiko toy, fa anako toka re. [39]Hitanao, misy fagnahy mibaiko aze le mikorake tampoke
re; mampifaninto aze zay ka mampamore ty vavane. Tsy miala amine zay naho mampaletre aze vatane.
[40]Nangatake tamireo mpiananao raho mba hagnafake zay, fa tsy afa iereo."[41]Namale Jesosy ka nanao ty hoe:"
Nareo tsy mpino vaho foko raty etam-bata, jale ro tsy mahaintsy hitobohako miarake aminareo vaho hiaretako
miarake aminareo? Andeso etoy ty anagnao lahy." [42]Laha fa namonje ty ajalahy, le natora ty devoly tamity tane re
naho nampiotakotake aze. Fa Jesosy nirehake mafe ty fagnahy maloto naho nagnafake ty ajalahy, naho
nampimpoly aze tagne amity raene.[43]Naho bakeo le vere iaby ie iaby nahita7 ty habein'Agnahare. Laha gaga

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

tamity zaka iaby nataone igne iereo, le hoe Re tamity mpianane ty hoe:" [44]" Engao ty tsara toa ho lasa laleke ao
antsofinareo: ty anagn'Ondaty le hivadiha eo antagna ty ndaty." [45]Fa tsy azo iereo ze fagnambara zay. Zay le
nahaja tamiereo, laha zao le azo iereo ty dika zay, naho mboe natahotre iereo ty hagnotane ty miomba ze
fagnambara zay.[46]Naho bakeo nisy fifandiera nanomboke teo amiereo ty amize ho bey vatane amiereo. [47]Fa Jesosy,
nahay hevetre tagne agnarofo iereo, le nangalake aja raike ka natobone tagnilane eo [48]naho nirehake tamiereo ty
hoe:" Fa ndra ia mandrae ty kolo toy amity agnarako, le mandrae Ahy; naho ndra ia ia mandrae Ahy, le mandrae
ty Rae nagnirake Ahy. Fa ze kele vatane aminareo iaby ro ho bey."[49]Jaona namale ty hoe:" Tompo, nahita ndaty
raike zahay nagnafake devoly tamity agnaranao le nisakanenay re, satria re tsy magnara-dia miarake aminay."
[50]"Ko rara re," hoe ty Jesosy,"satria ze tsy mandietre anareo le miomba anareo."[51]Laha fa niharine ty andro
ampianara Aze, le nitarike hoagne Jerosalema Re. [52]Nandefa mpanday talily re hoalohane, naho nandeha iereo ka
nilitre tao amity tana Samaritana raike mba hagnoma ty zaka iaby hoaze. [53]Fa ty vahoake tao tsy nandrae aze,
satria nitolike hoagne Jerosalema Re.[54]Laha fa nahita zay ty Jakoba vaho Jaona mpianatre, le hoe iereo ty hoe:"
Tompoko, teanao vao zahay laha handefa afo mipoke bakagne andagnitse mba hamoteke iereo?" [55]Fa nitolike re
naho nirehake mafe tamiereo, [56]naho nandeha agne amity tana hafa iereo.[57]Naho laha fa nandeha tegne andala
iereo, le nisy ndaty raike nirehake tamine ty hoe:" Hagnorike anao raho ndra aia aia hombanao." [58]Jesosy
nirehake tamine ty hoe:" Ty amboadala manan-davake, naho reo voro egne andagnitse mana ty tragnone, fa ty
Ndaty tsy mana ty toera hisiane ty lohane."[59]Naho hoe Re tamity hafa ty hoe:"Magnoriha Ahy." Fa hoe re ty hoe:"
Tompoko, engao he raho handeha handeve ty raeko." [60]Fa hoe Re tamine ty hoe:" Engao ty mate handeve ty mate
ao amine. Fa hoanao, mandehana ka mitalilia agne lavitre agne naho habeizo ty fanjakan'Agnahare."[61]Naho nisy
ndaty hafa nanao ty hoe:" Hagnorike anao raho, Tompo, fa engao raho he hanao veloma iereo agne antragnoko."
[62]Jesosy namale aze ty hoe:" Tsy misy ndaty mita fangaly naho mimpoly ka hosoa ho ao amity
fanjakan'Agnahare."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Naho tafara rey zaka rey, le nifily fitompolo lahy (Fagnamarea: Maro amireo fandika taloha soa vatane ro
mivalike ty hoe:" Fitompolo," Fa ty ilane mivaky ty hoe:" roe ambi-fitompolo.") hafa ty Tompo, naho nandefa aze
rey kiroe-roe niaolo aze tagne amity tana iaby vaho toera ze le fa hombane. [2]Hoe Re tamiereo ty hoe:" Bey ty
vokatre, fa kele ty mpiasa. Laha zao angataho ty Tompo ty vokatre mba handefa mpiasa mba hoegne amity
vokatre.[3]Mandehana amity lalanareo. Henteo, alefako manahake ty anakagnondry eo ampagnivoa ty amboan'ala
nareo. [4]Ko manday fitoeram-bola, ndra fisienta, ndra kapa, naho ko manalama ndra ia ia egne andala.[5]Ze tragno
iliranareo, rehafo aloha ty hoe:' Fiadagna anie ho amity tragno toy!' [6]Laha misy ndaty ty fiadagna ao, le hitoboke
amine ty fiadagna ze rehafenareo, fa laha tsy misy kea, le hihere aminareo zay. [7]Mitoboha ao amio tragno io avao,
mihinana vaho minoma ze amea iereo, fa ty mpiasa le soa amity karamane. Ko mifindrafindra tragno.[8]Fa amize
tana iliranareo, ka mandrae anareo, hano ze atao eo alohanareo, [9]naho afaho ty marare ze ao. Rehafo iereo ty
hoe:' Le fa miharine anareo ty fanjakan'Agnahare.'[10]Ndra mbia mbia nareo ro militre tana ka tsy mandrae anareo
iereo, le miakara egne andala naho rehafo ty hoe: [11]'Fa ndra ty deboke ty tagnanareo te mipiteke amity tombonay
aza le ho fafanay handietre anareo! Haizo anefa zao: Le fa miharine anareo ty fanjakan'Agnahare.' [12]Rehafeko
aminareo fa amity andro ty fitsara le ho azo lefere kea ty ahy Sidona naho ty ahy ze tana zay.[13]Loza ho anao, ry
Korazina! Loza ho anao, ry Betsaida! Fa laha ty asa foloay ze natao tao aminao ro natao tagne Tyro vaho Sidona,
le fa ela iereo ro nibebake, nitoboke tamity lamba fandala vaho lavenoke. [14]Fa ho azo lefere kea ty ahy Tyro vaho
Sidona amity fitsara naho ty aminareo. [15]Riha, ry Kapernaomy, midineke vao riha fa ho akare egne andagnitse?
Aha, ho ente mandeha agne amy Hadesy riha.[16]Ze midranjy anareo le midranjy ahy, naho ze milietre anareo le
milietre ahy, naho ze milietre ahy le milietre ty nagnirake ahy."[17]Nihere ankafalea reo fitom-polo, ka nanao ty
hoe:" Tompo, ndra le ty devoly aza le nagneke anay tamity agnaranao." [18]Jesosy nirehake tamiereo ty
hoe:"Nagnete ty Satana nipoke bakagne andagnitse hoe ty helatse raho." [19]Henteo, fa le fa nameako anareo ty
fahefa handia ty menara, ty mengoke, naho ambone ty here iaby ty fahavalo, naho ndra ino ino le tsy hisy
hamere anareo amity fomba iaby. [20]Ndra le zay aza le ko fale amizay avao, ka nagnenke anareo ty fagnahy, fa
mifalea kea ty hoe voasoratre agne andagnitse ty agnaranareo."[21]Tamio andro o avao le nifale vatane tao amity
fagnahy masy re, naho nanao ty hoe:" Miantsa anao Raho, ry Rae, Tompo ty lagnitse vaho ty tane, te le fa
nahajanao rey zaka rey tamity mare vaho ty manantsay, naho natalily tamireo tsy manampahaia, ty aja kele. Eka,
Raeko, fa zay ro teave soa amasonao eo."[22]Ty zaka iaby le nankine ty Rae tamiko, naho tsy misy mahay ty hoe ia ty
Anake laha tsy ty Rae, naho tsy misy mahay ty hoe ia ty Rae laha tsy ty Anake vaho ze finily ty Anake hatoro
Aze."[23]Bakeo le nihere teo amireo mpianatre Re ka nitalily milamy ty hoe:" Sambatre ze mahita reo zaka ze
hitanareo. [24]Ataliliko aminareo, mpamisavisa vaho mpanjaka maro ro nagniry hahita ze zaka nihitanareo, fa tsy
hita iereo zay, naho haharey reo zaka ze reinareo, fa tsy rey iereo zay."[25]Ingo, nisy mpampianatre ty lily ty Jiosy
raike nitsanga mba hitsapa Aze, ka nanao ty hoe:"Mpampianako, ino ro tsy mahaintsy hataoko mba handova ty
havelo zisikagne?" [26]Jesosy nanao tamine ty hoe:" Ino ro voasoratre ao amity lily? Akore ro famakianao zay?"
[27]Nagnomea valendrehake re le nanao ty hoe:" Teavo ty Tompo Zagnaharenao amity arofonao iaby, amity
fagnahinao iaby, amity herenao iaby, naho amity sainao iaby, naho ty namanao manahake ty vatanao." [28]Jesosy
nirehake tamine hoe:" Mare ty navalenao. Anovo zay, le ho velo riha."[29]Fa ty mpampianatre, nagniry hagnamare
ty vatane, le nirehake tamy Jesosy ty hoe:" Ia ro namako?" [30]Namale aze Jesosy nanao ty hoe:" Nisy lahilahy raike
nibakagne Jerosalema hoagne Jeriko. Re le niazo ty mpandrava, teie nagnafake ty hanagnane iaby tegne amine,
vaho namofoke aze, naho namototre aze teie le fa ho mate.[31]Naho sendra nisy mpisoro nandrio tamize lala zay,
naho nahita aze re, le nandeha tegne andafe. [32]Hoe izay kea ty Levita raike, laha fa nandrio tamity toera ka nahita
aze, le nandeha tegne andafe.[33]Fa nisy Samaritana raike, laha fa nandeha tamity niombane re, le niavy teo amity
nisy aze. Laha fa nahita aze re, le nitsereke aze. [34]Le namonje aze re ka namehe ty ferene, naho nagnily menake
vaho divay tamizay. Nampitikirene ty bibine re, ka nientene tagne amity tragnom-bahiny, naho kinara-karane.
[35]Ty hamaray le nangalake denaria roe re, naho nanolotre zay tamity tompon-tragno, naho nanao ty hoe:' Kara-
karao re, naho ndra fire-fire laninao tafahoatre, laha fa mihere raho, le haloako.'[36]Ia amie telo reo, arake ty
eretrerenao, ro nama ty azo ty mpandrebake?" [37]Namle ty mpampianatre ty hoe:" Ty raike ze nanao fiferenaigna
amine." Jesosy nirehake tamine ty hoe:" Mandehana naho manova hoe izay kea."[38]Naho laha-niara nandeha iereo,
le nilitre tao amity tana raike Re, naho nisy ampela raike atao ty hoe Marta nampandroso aze tao antragnone.
[39]Nana rahavave atao ty hoe Maria re, ty nitoboke teo antombo ty Tompo naho naharey ty safane.[40]Fa Marta
sahiram-bey tamity fikara-kara ty sakafo haroso. Nimbaeo amy Jesosy re, le nanao ty hoe:"Tompo, tsy
mampagnino anao vao ty namotora ty rahavaveko ahy hanompo arere? Ka rehafo re mba hagnampe ahy." [41]Fa

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

namale ty Tompo ka nanao tamine ty hoe:" Marta, Marta,i misalasala amity zaka maro bey riha, [42]kanefa zaka raike avao ro vatane paie. Maria le fa nifily ze soa vatane, te tsy hafaha amine."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 11

[1]Le zao ro niseho laha fa nivavake tao amity toera raike Jesosy, nisy raike tamireo mpianane nirehake tamine
hoe:"Tompo, mba anaro mivavake zahay hoe ty nampianara Jaona reo mpianane."[2]Hoe Jesosy tamiereo ty
hoe:"Laha fa mivavake nareo le rehafo ty hoe:' Ray o, ho hamasigne anie ty agnaranao. Ho avy anie ty
fanjakanao.[3]Ameo anay ty hanenay isan'andro. [4]Engao ty hadisoanay, manahake ty nagneganay ze meloke
taminay. Ko manday anay ho amity fangalam-pagnahy.'"[5]Jesosy nirehake tamiereo ty hoe:"Ia aminareo ro hana
nama, naho handeha hoagne amine amity vakimira-hale, naho hanao amine ty hoe:' Ry nama, mba ampindramo
mofo telo raho, [6]fa misy namako raike vaho avy lavitre, naho tsy mana ndra ino ino haroso hoaze raho.' [7]Naho
mete hamale aze ty raike tao antragno ka hanao ty hoe:' Ko magnelengele ahy.' Le fa mihily varavara, naho ty
anako, le fa ampandrea eo, miarake amiko. Tsy afake mitsanga raho hagnomea mofo anao.' [8]Mitalily aminareo
raho, fa ndra le tsy mitsanga vaho magnomea mofo anareo aza re satria namane nareo, le naho ty zizonareo ty
misy hegnatre, le hitsanga re naho hagnomea anareo ty mofo iaby ze paienareo.[9]Mboe mitalily aminareo kea
raho, Mangataha, le hamea anareo zay; mipaia, le hahita nareo; dondogno, le ho voha nareo. [10]Fa ty ndaty iaby ze
mangatake le mahazo, naho ze mipay le mahita; naho ze ndaty mandondo, le ho voha.[11]Ia mainareo raem-poko
reo ro, laha mangatake fia ty anagnareo, le homea aze ty mere fa tsy fia? (Fagnamariha: Reo fandika soa vatane
misy vaki-tene bory kea, zay orihentika eto. Ty fandika taloha ilane le misy vakitene lavalava kea, hitake ao amity
Matio 7: 9 avao kea:" Raem-poko ia aminareo, laha mangatake mofo ty anagnareo, ro hagnomea aze vato? Ndra
fia, le hagnomea aze mere?") [12]Ndra laha mangatake atoly re, le homeanareo mengoke vao re? [13]Laha zao, laha
nareo raty fagnahy aza mahay magnomea fagnomea soa hoahy ty ananareo, le akore ty habey ty Fagnahy Masy
homea ty raenareo zay agne andagnitse hoahy reo ze mangatake amine?"[14]Naho Jesosy nandroake devoly moa.
Laha fa niakatre ty devoly, le lasa nahay nirehake ty lahilahy moa, naho le gaga ty vahoake. [15]Fa ty ndaty ilane
nirehake fa:" Amity alala Belzaboba, ty mpitarike ty devoly, ro androahane devoly."[16]Ty ilane nitsapa Aze naho
nipay famantara bakagne andagnitse tamine. [17]Nefa hay Jesosy ze tao antsay iereo ka nirehake tamiereo Re ty
hoe:" reo fanjaka iaby ze mizara-zara le ho rava, naho ty tragno ze mizara-zara le hirotsake."[18]Ka laha mialy
antragno are ty Satana, akore ty hampahiratre ty fanjakane? Fa hoe nareo ty hoe mandroake devoly amity alala
Belzaboba Raho. [19]Fa laha mandroake devoly amity alala Belzaboba are Raho, amity alalan'ia kea ro androaha ty
mpagnori-dia anareo aze? Laha zao, le iereo ro hitsara anareo. [20]Fa laha mandroake ty devoly amity alala ty
rambotagnan'Agnahare Raho, le avy aminareo ty fanjakan'Agnahare.[21]Laha fa ampe fiasa soa ty lahilahy mahere
raike miambe ty tragnone, le voaaro ty hareane, [22]nefa kea laha mahere naho re ty lahilahy raike ka maharese
aze, le alae ty lahilahy mahere kea amity lahilahy ty fialiane, naho halaene ty fanagna ty lahilahy. [23]Ze tsy miarake
amiko le mandietre ahy, naho ze tsy mivory miarake amiko le misarake.[24]Laha fa miala amity ndaty raike ty
fagnahy raty, le lasa re mamakivaky toera tsy misy rano naho mipay fitofa. Naho laha fa tsy mahita, le hoe re ty
hoe:' Handeha hihere agne amity tragno nahaviako raho.' [25]Laha fa tafim-poly, re le mahita ze tragno zay malio
naho milamy. [26]Bakeo le lasa re naho mangalake fagnahy hafa raty mihoatre ty vatane misake fito miarake amine
re naho le militre mba hitoboke ao ie iaby. Ka raty naho ty voalohane ty hiafara ze ndaty zay."[27]Naho laha
nirehake reo zak reo re, le nisy ampela raike nagnakatre ty feone tao agnate vahoake naho nanao tamine ty hoe:"
Sambatre ty troke ze niterake anao vaho ty nono ze ninonoanao." [28]Fa hoe re kea ty hoe:" Sambatre, kea aze, reo
ze midranjy ty safan'Agnahare vaho mita zay."[29]Naho laha mitombo ty vahoake, le nanomboke nirehake Jesosy ty
hoe:" Ty foko toy le foko raty. Mipay famantara re, nefa tsy hisy famantara atoro aze laha tsy ty famantara Jona.
[30]Fa manahake ty nahavy Jona ho famantara tamireo Ninivita, hoe zay kea le ho famantara ty anagn'Ondaty
amity foko toy.[31]Ty Mpanjaka vave ty Antimo le hitsanga amity fitsara miarake amireo lahilahy amity foko toy ka
ho meloke iereo, fa avy bakagne amity fara ty tane re mba hidranjy ty hamarea Solomona, naho ingo, eto ty
ndaty bey naho Solomona.[32]Ty lahilahy Ninive le hiarake hitsanga amity foko toy amity fitsara naho homeloke
aze, satria nibebake tamity nitalilia Jona iereo, naho ingo, misy ndaty bey naho Jona eto.[33]Tsy misy ndaty raike,
laha baka nandrehetre Jiro, le manao zay amity toera tako ndra oa ambane ty haro, fa atao eo amity fisy jiro, mba
ho hita ze militre ty hazava. [34]Ty masonao ro jiro ty vata. Laha fa soa ty masonao, le feno hazava ty vata iaby. Fa
laha raty kea ty masonao, le feno maieke ty vatanao. [35]Laha zao, miambena nareo mba tsy haieke ty hazava
aminareo ao. [36]Naho, laha feno hazava naho ty vatanao iaby, ka tsy misy agnila zay amity ieke, le hanahake ty jito
ze mampamiratre ty hazavane aminao eo ty vatanao iaby.[37]Laha fa vita ty rehane, le nisy Fariseo nagnafatre aze
hisakafo amine antragnone agne , le nilitre Jesosy ka nitoboke. [38]Gaga ty fariseo fa tsy nisasa he Jesosy aloha ty
hihina.[39]Fa hoe ty Tompo tamine ty hoe:" Henanezao, Nareo Fariseo, le magnalio ty ambaly ty kopy vaho ty finga,
nefa ty ao agnate reo le feno rebake vaho raty." [40]Nareo ry kele say! Tsy nanao ze ao agnate avao kea vao ze nanao
ty ambalike? [41]Ameo ty mahantra ze agnatene ao, le halio hoanareo iaby ty zaka iaby.[42]Fa loza ho anareo ry

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Fariseo, satria mandoa ty ampahafolo ty solila vaho ty rota naho ty hetae hafa egne ambaibo nareo, nefa tsy niraharahanareo ty hamarea vaho ty hatean'Agnahare. Paie ty manao ty mare vaho mitean'Agnahare, ro vaho tsy magnaligno ty manao reo zaka hafa avao kea.[43]Loza ho anareo ry Fariseo, fa teanareo ty toera voalohane egne amity synagoga vaho ty salama lako fagnaja anareo egne ambazary. [44]Loza ho anareo, fa nareo le manahake ty kibory tsy misy famantara te lia ty ndaty fa tsy haine zay.[45]Ty raike tamireo mpampianatre lily nirehake tamie hoe:" Mpampianatre, ze tsaraenao zay le magnaraty anay kea." [46]Jesosy nanao ty hoe:' Loza ho anareo, ry mpagnana-dily! Fa mpampinday enta-mavesatre tsy zaka ty ndaty nareo, nefa tsy mikasike ze enta mavesatre zay kea ndra le ty rambotagna nareo raike aza.[47]Loza ho anareo, satria magnore kibory hoahy reo mpamisavisa nareo, nefa ty razambeinareo ro namono iereo. [48]Ka vavolombelo naho magneke ty asa ty razanareo nareo, fa namono iereo vatane iereo naho nareo ro magnore ty kiborine.[49]Laha zay avao kea, ro nagnambara ty hamarean'Agnahare ty hoe:' Handefa mpamisavisa vaho apostoly amiereo Raho, naho iereo hamono vaho hagnia ty ilane amiereo." [50]Ty foko toy, zay, ro ho tomponantoke amity lio reo mpamisavisa iaby nipoke zisikamity nahavita zao iaby zao, [51]nanomboke teo amity lio Abela ka zisikamity lio Zakaria, te vinono teo ampagnivoa ty alitara vaho ty toera masy. Eka, ataliliko mare aminareo, fa ty foko toy ro ho tomponantoke.[52]Loza ho anareo ry mpampianatre ty lily Jiosy, satria nalaenareo ty lakile ty fahaia; tsy militre ao ty vatanareo, naho sakananareo reo ze militre."[53]Tafara ty niala Jesosy teo, le nandietre Aze ty mpanora-dily vaho ty Fariseo naho nialy hevetre tamine mikasike ty zaka lako, [54]vaho niezake ty hamandrike Aze tamity rehane avao.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 12

[1]Tamizay, laha fa niarake nivory ty vahoake agnarivone maro, maro loatre ka nifandia kitro iereo, voalohane
vatane le nanomboke nirehake tamiereo mpianane Re ty hoe:" Ambeno ty masirasira reo Fariseo, te fihatsaram-
belatsihy.[2]Fa tsy misy tako ze tsy hatoro, naho tsy misy mihaja te tsy ho hay. [3]Ka ndra ino ino ro rehafenareo tao
amity ieke le ho rey ao amity mazava, naho ze rineha nareo tantsofy eo tagnate tragno le hatalily egne ambone
tragno.[4]Mitalily aminareo raho ry namako, ko matahotre reo ze mamono ty vatane, naho afara zay le tsy misy
ndra ino ino azone atao sase. [5]Fa hampiambe anareo Raho ty amize hatahora. Matahotre ty Raike zay, laha fa
baka mamono, le mana ty fahefa ty hagnary anareo agne amity afobey. Eka, mirehake aminareo raho, matahora
Aze.[6]Tsy avily farantsa kele roe vao ty tsintsigna dime? Kanefa tsy misy raike amirey ty haligno eo
amason'Agnahare. [7]Fa ndra ty volon-dohanareo aza le voa isake iaby. Ko matahotre. Fa manan-danja mihoatre
naho ty tsintsigne maro nareo.[8]Hoe raho aminareo, iaby ze magneke Ahy eo agnoloa ty ndaty, ty anagn'Ondaty
avao kea le hagneke aze eo agnoloa reo anjelen'Agnahare, [9]fa ze milietre Ahy eo agnoloa ty ndaty le ho liere eo
agnoloa reo anjelen'Agnahare. [10]Iaby ze mirehake mandietre ty anagn'Ondaty, le henga amine zay, fa iaby ze
mirehake raty mandietre ty Fagnahy Masy kea, le tsy ho vototre zay.[11]Laha fa manday anareo eo agnoloa ty
Synagoga, reo mpandily, vaho reo manam-pahefa iereo, le ko misalasala ty amizay ho fomba firehanareo ho
fiarovanareo, ndra ze ho rehafenareo, [12]satria ty Fagnahy Masy ro hampianatre anareo ze tokone ho rehafenareo
amize andro zay."[13]Bakeo nisy ndaty raike bakao amireo vahoake nirehake tamine ty hoe:"Ry mpampianatre,
rehafo ty rahalahiko mba hizara ty lova amiko." [14]Jesosy nirehake tamine ty hoe:" Ralehilahy, ia ro nanao Ahy ho
mpitsara ndra mpanarake anareo?" [15]Hoe Re tamiereo ty hoe:" Miambena mba hitana nareo ty vatanareo lavitre
reo fagnirian-draty iaby, satria ty fiaigna ty ndaty raike le tsy mianky amity halako ty fanagnane."[16]Bakeo Jesosy
nanao fagnohara raike tamiereo, nanao ty hoe:" Namokatre bey ty baibo ty lahilahy mpagnarivo raike, [17]naho
nagnotane-vata re, nanao ty hoe:' Ino ro hataoko, fa tsy mana toera hisia reo vokako reo raho?' [18]Hoe re ty hoe:'
Ezao ro hataoko. Herebako ty tragno fisy ty vokako le hagnore bey hafa raho, naho ao ro hasiako ty vokako vaho
reo vokatre hafa. [19]Le hirehake amity fagnahiko raho ty hoe:" Ry fagnahy, riha le mana vokatre maro voatahiry
ho amity tao maro. Mitofa soa, mihinana, minoma, mifalea."'[20]Fa Zagnahare nirehake tamine ty hoe:' Ralehilahy
gege, androany ty fagnahinao ro halae aminao, ka reo zaka ze vinognonao, ho aia reo?' [21]Zay ty ndaty ze mamoy
harea hoahy ty vatane naho tsy manan-karea magnoloan'Agnahare."[22]Jesosy nirehake tamireo mpianane ty
hoe:"Laha zao le rehafeko aminareo, ko matahotre ty amity arofonareo-te ho hanenareo, ndra ty miomba ty
vatanareo-te ho sikinareo. [23]Fa ty arofo le mandako ty sakafo, naho ty vata le mandako naho reo siky.[24]Dineho ty
Goake, tsy mambole rey ndra mihaza. Tsy mana fisy vokatre rey ndra tragno famoria, kanefa amean'Agnahare
hane rey. Manahake ty akore ty fihoaranareo lanja mihoatre naho reo voro! [25]Ia aminareo ro afake magnampe
metatre raike ty andro ivelognane amity fitahia? [26]Ka laha ze zaka kele vatane zay aza tsy hainareo atao, nagnino
nareo ro misalasala ty amity sisa?[27]Dineho reo lilia-manao akore ty fitirine. Tsy miasa rey, ndra mambole. Kanefa
rehafeko aminareo, ndra Solomona tamity hasine iaby aza tsy nisiky manahake ty raike tamirey. [28]Laha
sikinen'Agnahare manahake zay reo akata egne ambaibo, ze eo androany, naho ty hamaray le aria agnate fata,
hoe ty akore ty hanikinane anareo mihoatre lavitre naho zay, nareo ry kele finoa o![29]Ko mipay ze ho hanenareo
vaho ze ho nomenareo, naho ko misalasala. [30]Fa reo firene iaby eto amizao iaby zao reo le mipay rey zaka rey,
naho hay ty Raenareo fa mipay rey nareo.[31]Fa paio ty fanjakane, le homea ho fagnampene ho anareo rey zaka rey.
[32]Ko matahotre, ry agnodry kele, satria ty Raenareo le vatane fale ty hagnomea anareo ty fanjaka.[33]Avilio reo
fanagnanareo naho ameo ty mahantra. Manova fisy vola ho ahy ty vatanareo ze tsy mete ho rovitre-harea agne
andagnitse zay tsy mete lany, te tsy misy mpangalatre miharine, nahon tsy misy neno manimba. [34]Fa agne amizay
hitoboha ty harenanareo, le ho agne avao kea ty arofonareo.[35]Ao ty akanjo lavanareo hasikinareo ty valahanareo,
naho ao ty jironareo hirehetre zisikagne, [36]naho manova manahake reo ndaty miambe ty tompone hihere
bakagne amity fagnakaram-baly, mba laha fa avy re ka mandondo, le ho afake hamoha ty varavara hoaze amizay
iereo.[37]Sambatre reo mpanompo, ze hita ty tompone fa niambe laha fa avy re. Ambarako mare aminareo, fa
hisiky ty lamba lavane amity valahane re, naho hampitoboke iereo eo andatabatre, ka hoavy re naho hanompo
iereo. [38]Laha fa hoavy amity lera faharoe amity hale ty tompo, ndra amity lera fahatelo aza, ka mahita aze reo
vogno, le ho sambatre reo mpanompo reo.[39]Ho fagnampe zay le haizo zao, fa laha hay ty tompo tragno ty lera
hahavia ty mpangalatre, le tsy nienga ty tragnone ho vakie re. [40]Mivognona avao kea, fa tsy hainareo ty lera
hiavia ty anagn'Ondaty."[41]Petera nanao ty hoe:" Tompo, aminay avao vao ro irehafanao ze fagnohara zay, sa
amityy ndaty iaby avao kea?" [42]Ty Tompo nanao ty hoe:" Ia are ro mpita matoky vaho mare ze ho tendre ty
tompone ho ambone reo mpanompone hafa mba hagnomea iereo ty anjara hane iereo amity andro mete?
[43]Sambatre ze mpanompo zay, te hita ty tompone manao zay laha fa avy re. [44]Ataliliko mare aminareo fa ho

tendrene handily ty fanagnane iaby re.[45]Fa laha mirehake ao ampone ze mpanompo zay ty hoe:' Nahemo ty tompoko ty fiheregnane,' ka manomboke mamono reo mpanompo lahy vaho vave, naho mihina vaho mino, ka lasa mamo, [46]ty tompo ze mpanompo zay le hoavy amity andro tsy ampoieze, naho amity lera tsy haine, naho hanampatampake aze ka hagnoma toera hoaze miarake amireo tsy matoky.[47]Ze mpanompo zay, nahay ty sitrampo ty tompone, kanefa tsy nivogno ndra nanao arake ty sitrampone, le ho fofohe amity famofoha maro. [48]Fa ze tsy nahay naho nanao ze soa ahazoa fofoke kea, le ho fofohe amity famofoha kele. Fa reo iaby ze nomea bey, le ho bey kea ro ho takea amine, naho reo ze nagnakina bey, le ho bey lavitre aza ro hangatahe amine.[49]Avy Raho hanorake afo egne9 ambone ty tane, naho hoe ty akore ty fagniriako mba hireheta zay sahady. [50]Fa mana fanoambatisa mba hanoa batisa raho, naho hoe ty akore ty fijaleako mandra-pahalefea zay!51Midineke vao nareo fa avy Raho mba handay fiadagna eto antane? Aha, mitalily aminareo raho, fa fisaraha aza. [52]Manomboke zao le hisy dime ao amity tragno raike te hisara-tsarake ndaty telo mandietre ty roe, naho ndaty roe mandietre ty telo. [53]Hisara-tsarake iereo, ty rae handietre anadahy, naho ty anadahy handietre ty rae; ty rene handietre ty anak'ampela naho ty anak'ampela handietre ty rene; ty rafozam-bave handietre ty vinanto vave, naho ty vinanto vave handietre ty rafozam-bave."[54]Nirehake tamireo vahoake kea Jesosy ty hoe:"Laha fa mahita raho miforo egne ahandrefa nareo, le hoe nareo ty hoe:'Hisy ranon'ora hoavy,' naho le misy zay. [55]Laha fa misy tioke mitioke bakagne antimo, le hoe nareo ty hoe:' Hisy hafanam-bey hoavy,' naho misy zay. [56]Ry mpihatsaravelatsihy, hainareo ty mandika ty toera ty tane vaho ty lagnitre, fa akore ro tsy ahaizanareo mamantatre ze andro henanezao zao?[57]Nagnino nareo ro tsy mitsara ze mare hoahy ty vatanareo? [58]Te laha fa mandeha miarake amity mpifanao aminareo eo agnoloa ty mpitsara ambone nareo, egne andala le miezaha handamy ty ndaty miarake amine mbe tsy handehanane handrirotre anareo eo amity mpitsara, naho mba tsy hanolora ty mpitsara anareo agne amity mpamehe, naho mba tsy handefasa ty mpamehe anareo agne ampigadra. [59]Hoe raho aminareo, tsy ho tafavoake ao vatane nareo mandram-pandoanareo ty vola farane ze kele vatane."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 13

[1]Tamize andro zay, nisy ndaty ilane teo nitalily tamine ty miomba reo Galiliana zay ty lio iereo ro naharo Pilato
tamity sorone arere. [2]Namale Jesosy naho nanao tamy iereo ty hoe:" Nareo vao midineke fa reo Galiliana reo le
mpanota mandako naho reo Galiliana hafa iaby satria nijale hoe zay? [3]Aha, Zaho mirehake anareo. Fa laha tsy
mibebake nareo, nareo iaby le ho mate hoe zay.[4]Ndra rey ndaty valo ambifolo tao Siloama ty nitonta ty tilikambo
ka namono iereo, midineke vao nareo fa vatane mpanota raty mihoatre naho reo lahilahy hafa tao Jerosalema
rey? [5]Aha, hoe raho. Fa nareo laha tsy mibebake, nareo iaby avao kea le ho mate."[6]Jesosy nanao ze fagnohara zao
ty hoe:" Nisy ndaty nana hetaen'aviavy raike nambole teo amity tanem-boalobone naho niavy re naho nagnete
voane teo amine nefa tsy nahita ndra ino ino. [7]Ty lahilahy le nirehake tamity mpanao baibo ty hoe:'Ingo, niavy
teto raho zisike ty telo tao naho niezake nipay voane tamity hetae aviavy toy kanefa tsy nahita kea. Tampaho io.
Nagnino io ro enga manimba ty tane?'[8]Namale ty mpanao baibo ka nirehake ty hoe:' Engao ho eo aloha amity tao
toy mandram-pihaliako magnodidy aze vaho hagnisiako zezeke amine eo. [9]Laha namoa re amity tao magnarake,
soa; fa laha tsy zay, le tampaho re!"'[10]Naho Jesosy nampianatre tao amity raike tamity Synagoga zisike ty Sabata.
[11]Ingo, nisy ampela raike ze nana ty fagnahy raty ty halemea zisike ty valo ambifolo tao teo, naho re le nivokoke
naho tsy nahavita nitsanga soa.[12]Laha nahita aze Jesosy, le nikaike aze ka nanao ty hoe:" Ry ampela, afake amity
halemeanao riha." [13]Natobone tamine eo ty tagnane, naho niarake tamizay le nitranga ty ampela naho nifale
an'Agnahare. [14]Feie ty mpandily ty Synagoga le meloke naho ty fagnafaha natao Jesosy tamity Sabata. Laha zao le
namale ty mpandily naho nanao tamity vahoake ty hoe:"Misy enegnadro ty tokone hiasa. Miavia ka misalama, fa
kea tsy amity andro Sabata."[15]Ty Tompo namale aze ka nanao ty hoe:" Ry mpihatsaravelatsihy! Feie vao tsy sambe
mamaha ty borike ndra ty agnombene ao amity valane nareo ka manday zay hino rano amity Sabata? [16]Naho hoe
zay kea ty anakampela Abrahama, te voafehe ty Satana zisike ty valo ambifolo tao toy, tsy tokone mba ho vavahe
vao ty mahazo aze amity andro Sabata?"[17]Naho laha nirehake ze zaka iaby zay re, le megnatre reo iaby ze
nandietre Aze, fa ty vahoake iaby le fale naho reo zaka iaby malaza nataone.[18]Naho Jesosy nanao ty hoe:" Hoe ty
akore ty fanjakan'Agnahare, naho hoe ty ino ro afake agnoharako zay?" [19]Zay le hoe ty voan-tsinampe nalae vaho
nambole ty lahilahy raike teo ambaibo, ka nanjare hetae bey raike, naho ty voro ty lagnitse le namboatre ty
tragnone tamireo tahone."[20]Mboe nirehake avao Re ty hoe:" Ino ro afake hampitovizeko ty fanjakan'Agnahare?
[21]Zay le hoe ty masirasira nalae ty ampela raike ka naharone tamity koba in-telo ty fagnarana mandram-pizarane
ao agnate ty koba iaby."[22]Jesosy nandeha nitete ty tana vaho ty vohitre kirai-kiraike tegne andala mbaeo
Jerosalema naho nampianatre iereo. [23]Nisy raike nirehake tamine hoe:"Tompo, feie vao tsy ampe ty ndaty ro ho
vonje?" Naho hoe re tamiereo ty hoe:" [24]"Mialia ty hilitre ty varavara tere nareo, satria, Zaho mirehake aminareo,
maro ro te-hitsofoke, fa tsy ho afake ty hilitre.[25]Laha fa indraike mitsanga ty tompon-tragno naho magnily ty
varavara, le hitsanga ao ambaline eo nareo ka handondo ty varavara naho hanao ty hoe:'Tompo, ampiliro zahay.'
Re hamale ka hirehake aminareo ty hoe:'Tsy haiko nareo ndra ty nahavianareo.' [26]Naho hirehake nareo ty
hoe:'Nihina vaho nino teo agnoloanao zahay, naho Riha le fa nampianatre tegne andalambey.' [27]Fa Re le hamale ty
hoe:' Mitalily aminareo raho, tsy haiko ty nahavianareo. Miala amiko eto, nareo mpanao raty!'[28]Hisy fitagnia vaho
fikotroha-nife laha fa ingo nareo mahita i Abrahama, Isaka, Jakoba, vaho ty mpamisavisa iaby ao amity
fanjakan'Agnahare, feie voaroake agne ambalike nareo. [29]Iereo le hoavy bakagne antignana, ahandrefa,
avaratrem naho antimo ka hitoboke eo amity latabatre ty fanjakan'Agnahare. [30]Haio zao, reo ze tsy le manan-
danja ro ho voalohane, naho reo ze vatane manan-danja ro ho farane."[31]Tafara kele zay, nisy Fariseo ilane niavy
naho nanao tamine ty hoe:" Mandehana ialao ty eto satria Heroda le te-hamono Anao." [32]Jesosy nanao ty hoe:"
Mandehana naho rehafo zay amboalohane zay ty hoe:'Ingo, zaho mandroake devoly vaho manao fagnafaha
androany vaho hamaray, naho amity andro fahatelo le ho tratreko ty tanjoko.' [33]Ndra ino ino miseho, zaka-bey
amiko ty manohy io, hamaray, vaho ty andro magnarake, satria tsy azo ekene ty famonoa ty mpamisavisa lavitre
Jerosalema.[34]"Ry Jerosalema, ry Jerosalema, ze namono ty mpamisavisa vaho mitora-bato reo ze nirahe tagne
aminareo. Impire raho ro nagniry ty hamory ty ananareo manahake ty akoho vave mamory ty anane ambane
elane, kanefa tsy nagniry zay nareo. [35]Ingo, nidisoa ty tragnonareo. Zaho le mirehake aminareo, tsy ho hitanareo
Raho mandram-pirehafanareo ty hoe:" Sambatre ze avy amity agnara Tompo."'


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 14

1Naho indraike Sabata, laha fa nimbaeo amity tragno ty raike tamireo mpitarike ty fariseo hihina mofo Re le
nagnara-maso Aze marine iereo. Ingo, teo agnoloane nisy lahilahy raike ze nampijale edema. 3Jesosy nagnotane
reo manam-pahaia amity lily ty Jiosy vaho reo Fariseo ty hoe:" Azo atao vao ty magnafake amity andro Sabata, sa
tsy azo?"4Fa iereo le nitsy. Laha zao le rinae Jesosy re, naho nafahane, le nalefane handeha. 5Hoe re tamiereo ty
hoe:" Ia aminareo ty managnanale lahy ndra agnombe poke agnate ty fantsaka amity andro Sabata ro tsy haninto
aze bakagne?" 6Iereo le tsy nisy nahavita nagnomea valene reo zaka reo.Laha fa hita Jesosy ty fomba fifilia reo ze
hinafatre te toeran-kasy, nanao fagnohara re, nirehake tamiereo ty hoe: 8"Laha fa hafare amity fetem-panambalia
nareo, ko mitoboke eo amity toeran-kasy, satria mete nisy ndaty hinafatre mboe manan-kasy naho nareo. 9Laha
fa niavy ty ndaty ze nagnafatre anareo, le hirehake anareo re ty hoe:' Ameo ty ndaty hafa toy ty toeranao,' naho
ampahamegnara ro andehananareo hamonje ty toera ambane vatane.10Fa laha fa hafare nareo, mandehana le
mitoboha amity toera ambane vatane, amizay laha mandrio eo ty nagnafatre anao, le mete hirehake anao re ty
hoe:' Ry nama, miakara amity ambonembone.' Naho bakeo le homean-kasy nareo eo agnoloa reo iaby ze miraike
latabatre aminareo. 11Fa reo ze miambane le hakare."12Jesosy avao kea le nirehake tamity lahilahy nagnafatre Aze
ty hoe:"Laha fa magnomea sakafo ndra fagnafara riha, le ko magnafatre reo namanao ndra reo rahalahinao ndra
reo marine anao ndra reo mpagnarivo magnodidy anao, amity mete hagnafarane anao ka ho takalo zay, naho le
ho voavale riha.13Fa laha fa manao fagnafara riha, hafaro ty mijale, ty kitsa, ty mpandringa, naho ty goa, 14le ho
sambatre riha, satria tsy afake hamale anao iereo. Fa riha le ho voavale amity fitsangana ty mare."15Laha fa
naharey reo zaka reo ty raike tamiereo niara-latabatre tamy Jesosy, le nanao tamy iereo ty hoe:" Sambatre ze
hihina ty mofo ao amity fanjakan'Agnahare!" 16Fa Jesosy nanao tamine ty hoe:" Nisy lahilahy raike nikarakara
sakafo bey naho nagnafatre ndaty maro. 17Laha fa voakarakara ty sakafo, le nagnirake ty mpanompone re
hirehake reo ze hinafatre ty hoe:' Mandrosoa, fa ty zaka iaby le fa vogno.'18Ie iaby le nitovy say naho nanomboke
nanao fialan-tsiny. Ty voalohane nirehake tamine ty hoe:' Nivily baibo raho, ka tokone hiakatre raho naho
hagnente zay. Miala tsiny raho.' 19Ty raike hafa nirehake ty hoe:' Nivily agnombe folo raho, naho handeha
hamolily iereo. Miala tsiny raho.' 20Bakeo nisy lahilahy raike hafa nirehake ty hoe:" Vaho baka nagnaka-baly raho,
naho laha zao le tsy afake ty hoavy raho.'21Le niavy ty mpanompo naho nirehake tamity tompone reo zaka reo.
Bakeo ty tompo-tragno meloke ka nirehake tamity mpanompone ty hoe:" Mandehana malaky egne amireo
lalambey vaho sakelen-dala antana eto le andeso atoy ty mahantra, ty mpandringa, ty goa, naho ty kitsa.'
22Nirehake ty mpanompo ty hoe:"Tompo, te fa vita ty nibaikoanao, fa mboe misy toera avao.'23Hoe ty tompone
tamity mpanompone ty hoe:"Mandehana egne amireo lalambey vaho sisim-bole naho sereo iereo hoavy, amizay
ho feno ty7 tragnoko. 24Fa ataliliko aminareo, tsy hisy hagnadra ty sakafo reo lahilahy ze hinafatre."'25Naho
vahoake maro ro nandeha niarake tamine, naho nitolike Re naho nirehake iereo ty hoe: 26"Laha misy aminareo
mamonje Ahy naho tsy malay ty raene, ty renene, ty valine, ty anane, reo rahalahine vaho reo rahavavene, naho
ndra ty havelone aza, le tsy afake ty ho mpianako re. 27Ndra ia ia tsy manday ty hetae-fijaleane naho magnorike
ahy le tsy afake ty ho mpianako.v 38Fa ia aminareo, ty magniry hananga tilikambo, ro tsy mitoboke aloha naho
midineke ty ho lany laha mana ty paie hamita aze re? 29Laha tsy zay, laha fa manao ty fotone re nefa tsy hahavita
zay kea, le hanomboke handatsa aze iaby iaby reo mahita zay, 30manao ty hoe:'Io lahilahy io ro nanomboke
namboatre kanefa tsy nahavita kea.'31Ndra kea mpanjaka ino, laha handeha hifanifatre amity mpanjaka hafa
amity aly, ro tsy hitoboke aloha naho hangalake hevetre laha miarake amity lahilahy ray ale le afake hialy amity
mpanjaka hafa ze avy mandietre aze miarake amity lahilahy roe ale? 32Laha tsy zay, laha mboe lavitre ty tafike
hafa, le mandefa antoko re naho mangatake fepotoa ho amity fivavaha. 33Ka laha zao, ndra ia ia aminareo tsy
mahafoe iaby ze hanagnane le tsy afake ty ho mpianako re.34Soa ty sira, fe laha robake ty tsiro ty sira, akore ro
himpoliane hasira ndraike? 35Tsy misy ipaia ty tane aze ndra le ty zezen-tane aza. Aria avao zay. Ze manan-tsofy
ho ente-mitsano, ao reke hidranjy."

## Chapter 15

[1]Naho reo mpamory hetra iaby vaho ty mpanota ilane le niavy teo amy Jesosy hidranjy Aze. [2]Nimenomeno reo
Fariseo vaho reo mpanora-dily, nanao ty hoe:"Io lahilahy io le mandrae mpanota, naho miara-mihina amiereo
vatane aza."[3]Jesosy nanao ze fagnohara zao tamiereo, nanao ty hoe: [4]"Ia aminareo, laha mana agnondry zato re
naho bakeo robake ty raike amiereo, ro tsy hienga ty sive amby sivam-polo agne antane efetre, naho handeha
hipay ty raike robake mandra-pahitane aze? [5]Naho laha fa hitane zay, le atobone antsorone eo naho mifale re.
[6]Laha fa avy antragno ao re, le atao ty vahoake reo namane vaho reo mpiara-belo amine, mirehake iereo ty hoe:'
Mifalea miarake amiko, fa hitako ty agnondriko robake.' [7]Hoe zay kea, mitalily aminareo raho, fa hisy hafalea
agne andagnitse naho ty mpanota raike ze mibebake, mihoatre naho reo ndaty mare sive amby sivam-polo te tsy
mila mibebake.[8]Ndra ia ro ampela ze mana farantsa kele folo, laha robake ty farantsa raike, ro tsy handrehetre ty
jiro, hamafa ty tragno, naho hipay am-pazotoa mandra-pahitane aze? [9]Laha fa hitane zay, le kaihe ty vahoake reo
namane vaho reo mpiara-belo amine, ka hanao ty hoe:' Mifalea miarake amiko, fa hitako ty farantsa kele raike ze
nirobake.' [10]Hoe zay kea, Zaho mitalily aminareo, misy hafalea eo agnoloa ty anjelen'Agnahare amity mpanota
raike ze mibebake."[11]Bakeo Jesosy nanao ty hoe:"Nisy lahilahy raike nanagnanake roe lahy, [12]naho ty faralahy
tamiereo nirehake tamity raene ty hoe:' Baba, ameo ahy ty anjara harea ze tokone hoahy.' Ka le zinarane
tamiereo ty hareane.[13]Tsy ela tafara zay, ty faralahy namory ty anjarane iaby ka nandeha tamity firene raike
lavitre, naho tagne re ro nandany fahatane reo hareane iaby tamity fiaigna marehareha. [14]Naho laha fa lanine
iaby iaby, le nisy kere-bey niele tamio firene eo, ka nanomboke tao agnate ty hamaike re.[15]Nandeha re naho
nikarama tamity raike tamireo vahoake tao amio firene eo, ty nandefa aze tagne amity baibone mba hamaha
kisoa. [16]Te hihina kea ty hane reo kisoa re, satria tsy nisy ndaty nagnomea aze ndra ino ino.[17]Te laha fa nahatsapa
ty faralahy, le nirehake re ty hoe:'Fire amireo mpanompon-draeko ro mana hane mihoatre ty ampe, naho toy
raho, mate ty hakere! [18]Hialako ty eto ka hoagne amin-draeko raho, naho raho hirehake amine ty hoe:"Ray o, te fa
nanota tamity lagnitse raho, vaho amasonao eto. [19]Tsy soa ty hatao ty hoe anagnao sase raho; anovo hoe ty raike
amireo mpanomponao raho."[20]Laha zao nandeha ty faralahy ka nimbaeo amity raene. Laha mboe lavitre re, le
hita ty raene, naho tohy nalahelo, ka nilailay, naho namihy vaho nagnoroke aze. [21]Ty anadahine nanao ty hoe:'Ray
o, te fa nanota tamity lagnitse vaho tamasonao eo raho. Tsy soa te hatao anagnao raho.'[22]Ty Raene nirehake
tamity mpanompone hoe:'Ento malaky reo akanjo soa vatane, ka ampiakanjo aze, naho asio peratre ty tagnane,
vaho kapa ty tombone. [23]Bakeo ento ty anak'agnombe vondrake ka vono zay. Andao tika hankalaza amity fete!
[24]Satria ty anako lahy le mate, naho henanezao le hita ndraike.' Bakeo le nanomboke nifete iereo.[25]Naho ty lahine
voalohane le tambaibo. Naho laha niavy namonje ty tragno re, le naharey mozika vaho dihy. [26]Nikaike ty raike
tamireo mpanompo re naho namonje aze hoe mete ho ino ze zaka zay. [27]Ty mpanompo nanao tamine ty
hoe:"Noly antragno ato ty rahalahinao ka vinonon-draenao ty anak'agnombe vondrake, satria niavy soa avao
re.'[28]Meloke ty lahine voalohane, naho tsy nimete nilitre, le niakatre ty raene, naho nangatake aze. [29]Feie namale
ty lahine voalohane naho nanao tamine ty hoe:'Henteo, le fa antaone maro ro nanompoako anao, naho mboe tsy
nandika ty lilinao raho, naho riha tsy mboe nagnomea ndra le anak'ose niafahako nideba niarake tamireo
namako aza, [30]kanefa laha fa niavy ty anadahinao, te nandany ty hanagnanao tamity mpivaro-bata, le vinono nao
hoaze ty anak'agnombe mirohy.'[31]Hoe ty raike tamine ty hoe:' Anake, riha le miarake amiko avao, naho iaby ze
ahy le anao. [32]Kanefa rarene ho antika ty mideba vaho mifale, satria ty rahalahinao le fa mate, naho henanezao le
velo ndraike; robake re, naho henanezao le hitake ndraike."'


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 16

[1]Le hoe Kea Jesosy tamireo mpianane ty hoe:"Nisy lahilahy mpanan-karea raike nana mpita, naho tinao tagne
amine fa io mpita ao ro nandany ty fanagnane iaby. [2]ka nampikaike aze ty lahilahy mpanan-karea naho nanao
tamine ty hoe:' Ino ty reiko miomba anao zao? Magnomea talily miomba ty asa fitana nao, fa riha tsy ho afake ty
ho mpita-fanagna sase.'[3]Naho ty mpita-fanagna nidineke antsaine ty hoe:" Ino rie ro tokone hataoko, fa
magnafake ahy amity asa ataoko ty tompoko? Tsy manan-kere hiasa tane raho, naho megnatre ty hangatake raho.
[4]Haiko ty hataoko, mba laha fa afahe amity asa ataoko raho, le hampandroso ahy ao antragno iereo ty
ndaty.'[5]Bakeo ty mpitan-draharaha nikaike ty kirai-kiraike tamireo mpitsosa ty tompone, naho le nagnotane ty
voalohane re ty hoe:' Hotrino ro anagna ty tompoko agne aminao?' [6]Nirehake re ty hoe:' Menake oliva zato
litatre.' Nirehake tamine re ty hoe:' Alao ty taratasy nao, mitoboha malaky, naho dimampolo soratre.' [7]Naho bakeo
ty mpita nirehake tamity raike ty hoe:' Hotrino ty trosanao?' Nirehake re ty hoe:' vare zato fagnarana.' Nirehake
tamine re ty hoe:' Raeso ty taratasy nao, naho sorato ty hoe valompolo.'[8]Bakeo ty tompo le niantsa ty mpita tsy
mare satria niasa tamin-kahihira re. Fa mahihitse kea ty ana ty zao iaby zao ty amity fifagnaraha amire sambe
ndaty naho ty ana ty hazava. [9]Mirehake aminareo raho, mipaia nama amity alala ty vola tsy mare, amizay laha fa
lany zay, le mete ho raese iereo ao amity tana zisikezay nareo.[10]Ze matoky amity kele vatane le mare amity bey
kea, naho ze tsy mare amity kele vatane le tsy mare amity kea. [11]Laha tsy matoky amity fampiasa vola tsy mare
nareo, ia ro hatoky anareo amity harea mare? [12]Laha tsy matoky amity fampiasa ty vola ty ndaty hafa nareo, ia ro
hagnomea vola ho anareo arere?[13]Tsy misy mpanompo afake manompo tompo roe, fa ndra re halay ty raike le h
tea ty raike, ndra kea re hanolo-bata hoahy ty raike le hanao tsinontsino ty hafa. Tsy afake manompo
an'Agnahare vaho ty harea nareo."[14]Naho ty Fariseo, ze tea vola, laha fa naharey ze zaka zay, le nandraty iereo.
[15]Nirehake tamiereo Re ty hoe:" Nareo le magnamare ty vatanareo eo amsao ty ndaty, fa Zagnahare mahay ty
arofonareo. Fa ze hakare eo amity ndaty le ho hejegne eo amason'Agnahare.[16]Ty lily vaho reo mpamisavisa le nisy
mandram-pahavy Jaona. Te fa hatramize fotoa zay, ro le fa nitalilia ty zaka soa ty fanjakan'Agnahare, naho ty
kirai-kiraike le niezaka nagnity ty lalane hoamizay. [17]Fa mora kea ty hahafoa ty lagnitse vaho ty tane naho ty
soratre kele vatane ao amity lily hoavy tsy manan-kere.[18]Ze misarake amity valine ka magnakatre ampela hafa le
mpitsangatsanga, naho ze magnakatre ampela ze le fa nisara-baly le mpitsangatsanga.[19]Naho nisy mpanan-karea
raike ze niakanjo voloparasy vaho rongone manify naho nitea isan'andro ty haream-beine. [20]Nisy mpangatake
raike atao ty hoe Lazarosy nitoboke teo amity vavahadine, feno fere, [21]naho nagniry mba hihina ze poke bakeo
ambone latabatre ty lahilahy mpanan-karea. Fa ndra ty amboa aza niavy nitsela ty ferene.[22]Naho ingo mate ty
mpangatake ka niente reo anjele ho eo agnila Abrahama. Mate avao kea ty mpanan-karea ka naleve, [23]naho tao
amity harobaha, laha nampijale, le nagnakatre ty masone re naho nahita i Abrahama tegne lavitre vaho Lazarosy
tagnilane eo.[24]Ka nikorake mafe re vaho nanao ty hoe:' Abrahama Rae, mandefera amiko naho alefaso Lazarosy,
mba handrebahane ty loha ty rambotagnane ao agnate rano naho hampanintsy ty lelako, fa ato agnate ty jale
mafe agnate ty afo toy raho.'[25]Fa Abrahama nanao ty hoe:' Anake, tiarovo fa tamity androm-pivelognanao le
nahazo zaka soa riha, naho ty ahy Lazarosy kea zaka raty. Fa henanezao re atoy le voatambetambe, naho riha ao
amity jale. [26]Hafa ze iaby zay, le nisy lavake bey natoboke, mba tsy ho afake hitsaha ze te-hitsake baketoy
mbaminareo egne, naho tsy misy afake hitsake bakegne hombaminay etoy.'[27]Ty lahilahy manan-karea nirehake ty
hoe:' Mangatake anao raho, ry Abrahama Re, mba hagnirahanao aze hoagne antragnon-draeko_
[29]Fa Abrahama nanao ty hoe:' Mana Mosesy vaho ty mpamisavisa iereo; ao iereo hidranjy iereo.' [30]Naho namale ty
lahilahy mpanan-karea ty hoe:' Aha, ry Abrahama Rae, fa laha misy bakamity mate mbaeo amiereo, le hibebake
iereo.' [31]Fa Abrahama kea nanao tamine ty hoe:' Laha tsy midranjy Mosesy vaho reo mpamisavisa iereo, le tsy ho
rese lahatre vatane ndra misy ndaty mitsanga amity mate aza."'


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 17

[1]Jesosy nirehake tamireo mpianane ty hoe:" Azo antoke fa hisy zaka afake hanosike antika hanota, fa loza hoahy
ty ndaty ze hiavia zay! [2]Soa hoaze kea laha asia vato bey eo amity vozone ka atorake agne an-driake, toe zay
hanafintohy ty raike amireo madineke reo.[3]Miambena nareo. Laha manota ty rahalahinareo, rehafo mafe re,
naho laha mibebake re, maotora aze. [4]Laha manota aminao impito ao agnate ty andro raike re, ka impito mihere
aminao re, manao ty hoe:' Mibebake raho,' le tsy mahaintsy mamototre aze riha!"[5]Reo apositoly nirehake tamy
Tompo hoe:" Atombo ty finoanay." [6]Ty Tompo nanao ty hoe:" Laha mana finoa hoe ty voatsinampe nareo, le afake
mirehake amio voron-katae eo ty hoe:' Miombota, naho mitiria agne andriake,' le hagneke anareo re.[7]Fa ia
aminareo, ro mana mpanompo miasa tane ndra miarake agnondry, ka hirehake amine laha fa bakagne ambaibo
re ty hoe:' Avia malaky ka mitoboha mba hihina'? [8]Fa tsy hirehake amine vao re ty hoe:' Amboaro zaka hohaneko
raho, ka asio santira magnodidy ty ankajonao le manompoa ahy mandram-pilania ty haneko vaho ty finomako.
Le bakeo riha mihinana vaho minoma'?[9]Tsy misaotre ty mpanompo re satria nanao reo ze nibaikoa aze re, sa
misaotre vao re? [10]Ndra le nareo kea aza, laha fa nahavita reo zaka iaby ze nadilia anareo nareo, le tokone
hirehake ty hoe:' Zahay le mpanompo tsy soa. Ze tokone nataonay avao ro nataonay.'"[11]Naho laha nandeha
hoagne Jerosalema Re, le nandeha teo amity sisin-tane teo ampagnivoa Samaria vaho Galilia. [12]Laha fa nilitre tao
amity tana raike re, le nisy azo ty haboka folo lahy nifanoje tamine tao. Nitsanga lavitre aze iereo [13]naho
nagnakatre ambone ty feo iereo, nanao ty hoe:"Jesosy, Tompo, mandefera aminay."[14]Laha fa nahita iereo Re, le
nirehake tamiereo ty hoe:" Mandehana le atoro amireo mpisoro ty vatanareo."Laha nandeha igne iereo le nalio.
[15]Laha fa nahita ty raike tamiereo fa afake re, le nihere, niarake tamity feo ambone nandaza an'Agnahare.
[16]Nihohoke teo antombo Jesosy re, nanolotre fisaora hoaze. Re le Samaritana.[17]Naho Jeosy nanao ty hoe:"Tsy le fa
voadio vao ie folo? Fa aia ty sive? [18]Tsy nisy hafa nihere hagnomea hasy an'Agnahare vao, laha tsy ty vahiny toy?"
[19]Naho hoe Re tamine:" Mitsangana, ka mandehana. Ty finoanao ro nahafake anao."[20]Laha nagnotanea reo
Fariseo ty hoe ombia ty fanjakan' Agnahare ro hoavy, le namale iereo Jesosy ka nanao ty hoe:" Tsy hita-maso ty
hahavia ty fanjakan'Agnahare. [21]Tsy hirehake kea iereo ty hoe:' Henteo, Toy re!' ndra ty hoe:' Ty re!' Fa ingo, ty
fanjakan'Agnahare le ao agnatenareo."[22]Hoe re tamireo mpianane:"Avy ty andro hagnirianareo ty hahita ty raike
amity andro ty anagn'Ondaty, fa tsy hahita zay nareo. [23]Naho iereo le hirehake aminareo ty hoe:' Henteo, eroy!
Henteo, etoy!' Fa ko miakatre ty helatre mamiratre mazava laha fa mitaratre bakagne amity agnila ty lagnitse ka
zisikagne amity ilane raike, le hoe zay ty anagn'Ondaty amity androne.[25]Fa voalohane le tsy mahaintsy hijale
amity zaka maro Re naho liere ty foko toy. [26]Manahake ze niseho tamity andro Noa, ro niseho kea amity andro ty
anagn'Ondaty. [27]Nihina iereo, nino, nanambaly, natolotre hakare, mandram-pahavia ty andro ze nilira Noa tao
amity sambo_naho niavy ty safo-drano ka nandrava ie iaby.[28]Manahake ze niseho tamity andro Lota_ nihina vaho
nino iereo, nivily vaho nivarotre, nambole vaho nanao tragno. [29]Fa tamity andro ze niakara Lota bakao Sodoma,
le afo vaho solifara ro nipoke bakagne andagnitse ka nandrava iaby iaby.[30]Le hoe zay kea ty amity andro hisehoa
ty anagn'Ondaty. [31]Amize andro zay, ko enga hizotro hangalake reo entane hoegne ambaly ty tragno ze egne amity
ambone-tragno; naho ko enga hihere ze agne ambaibo.[32]Tiarovo ty valy Lota. [33]Ndra ia ia mipay hamonje ty
arofone le haharobake aze, fa ndra ia ia haharobake ty arofone le hamonje aze.[34]Mitalily aminareo raho, fa amize
hale zay le hisy ndaty roe eo ambone ty fandrea raike. Ty raike le halae, naho raike le hapoke. [35]Naho hisy roe
vave miara-mandisa vare. Ty raike halae, naho roe hapoke." [36](Fagnamarea: reo fandika taloha soa vatane le
magnafake ty andanene faha 36 ty hoe:"Hisy roe lahy agne ambaibo; ty raike halae, naho ty raike hapoke.")
[37]Nagnotane aze iereo ty hoe:"Aia, Tompo?" naho Re nirehake tamiereo ty hoe:"Ze hisy ty fate, le agne kea ro hisy
votoro hiara-mivory."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 18

[1]Bakeo Re nitalily fagnohara tamiereo ty miomba ty tokone hivavaha iereo zisikagne, naho tsy ho kivy, [2]nanao ty
hoe:" Tao amity tana raike le nisy mpitsara te tsy natahotre an'Agnahare naho tsy nagnaja ndaty.[3]Naho nisy
mpivem-bata raike tao amio tana ao, naho re nimbaeo amine mateteke, nanao ty hoe:' Ampeo raho mba
hahazoako rarene magnoloa ty fahavaloko.' [4]Fa te fa hatra ela re ro tsy vogno ty hagnampe aze, fa tafara zay kele
le nirehake tamity vatane re ty hoe:' Ndra le tsy matahotre an'Agnahare aza raho ndra tsy magnaja ndaty, [5]fa
satria manahira ahy ty mpivem-bata toy, le hagnampe aze raho mba hahazoane rarene, mba tsy handrerake ahy
naho ty fivezevene lava atoy sase re."'[6]Bakeo nirehake ty Tompo ty hoe:"Dranjigno ze ambara ty mpitsara tsy
mare. [7]Naho tsy handay rarene hoahy ze voafiline ze mikaike mafe Aze andro aman'ale kea vao ty Zagnahare?
Hangatak'andro lava amiereo vao re? [8]Ataliliko aminareo fa handay rarene malaky amiereo re. Hoe zay kea, laha
fa avy ty anagn'Ondaty, hahita finoa atoy antane vatane vao Re?"[9]Bakeo Re nirehake ze fagnohara zao tamity
ilane ze natoky ty vata iereo fa te hoe mare vaho ze manivativa reo ndaty hafa: [10]" Nisy roe lahy niakatre tao
antempoly mba hivavake_ty raike le Fariseo naho ty raike hafa le mpamory hetra."[11]Ty fariseo nitsangga naho
nivavake toa zaka miomba ty vatane toa ty hoe:' Zagnahare o, misaotre anao raho fa tsy mitovy amity ndaty hafa-
mpangalatrea- ndra manahake ty mpamory hetra toy aza. [12]Mifaly hane indroe isan-kerengnadro raho.
Magnomea ty ampahafolo ze azoko iaby raho.'[13]Fa ty mpandoa hetra, nitsanga tegne lavitre, tsy nimete
nagnakatre ty masone tegne amity lagnitse kea, fa niteha-tratra, nanao ty hoe:' Zagnahare o, mandefera amiko,
mpanota.' [14]Mitalily aminareo raho, io lahilahy io le nihere nimbaeo antragnone voamare naho ty raike, satria
iaby ze magnambone tegna le hoambane, fa iaby ze niambane ro hakare."[15]Ty ndaty kea le nanday ty anane kele
tamine eo, mba hikasihane iereo, fa laha fa nahita zay reo mpianatre, le nirehake mafe aze ty hoe. [16]Fa Jesosy
nikaike iereo hamonje Aze, nanao ty hoe:"Engao ty kolo hamonje Ahy, naho ko rara iereo. Fa antogno iereo ty
fanjakan'Agnahare. [17]Ataliliko mare anareo, ndra ia ia tsy handrae ty fanjakan'Agnahare hoe ty kolo le tsy hilitre
ao amizay vatane."[18]Naho nisy mpandily raike nagnotane Aze, nanao ty hoe:"Mpampianatre soa o, ino ro tsy
mahaintsy hataoko mba handovako ty havelo zisikagne?" [19]Jesosy nanao tamine ty hoe:" Nagnino raho atao nao
ty hoe soa? Tsy misy ndaty soa, laha-tsy Zagnahare arere avao. [20]Hainao reo lily_Ko mitsangatsanga, ko mamono
ndaty, ko mangalatre, ko manao vavolombelo vande, magnaja ty raenao vaho ty renenao." [21]Nirehake ty
mpandily ty hoe:"Iaby iaby zay le nataoko hatra tamy zaho mboe nikele."[22]Laha fa naharey zay Jesosy, le nanao
tamine ty hoe:" zaka raike ro tsy ampe aminao. Tsy mahaintsy mivarotre iaby ze anagnanao riha naho mizara
zay amity mijale, naho hana harea agne andagnitse riha_naho avia, magnoriha Ahy." [23]Fa laha fa naharey reo
zaka reo ty mpandily, le nanjare nalahelo vatane, fa nanan-kaream-bey re.[24]Naho Jesosy, nahita aze, nanjare
nalahelo mafe(Fagnamarea: Reo manam-pahaia le misara-kevetre laha tokone hampilire eto ty tsara ty hoe:(Re)
le nanjare nalahelo mafe. Amitovio ty And 23) naho nanao ty hoe:"Manao akore ty hasarota ty filira ao amity
fanjakan'Agnahare hoahy reo ze mpanan-karea! [25]Fa mora kea hoahy rameva ty hilitre amity volim-panjaitse,
naho ty hilira ty ndaty mpanan-karea raike ao amity fanjakan'Agnahare."Reo ze naharey zay le nirehake ty hoe:"
Ia are ro afake ho vonje?" [27]Jesosy namale ty hoe:" reo zaka ze tsy hay ty ndaty le hain'Agnahare."[28]Petera nanao ty
hoe:Ingo, niala ty zaka iaby ze anay zahay naho nagnorike anao." [29]Naho Jesosy nirehake tamiereo ty hoe:"
Ataliliko mare aminareo, fa tsy misy ndaty ze nahafoe tragno, ndra valy, ndra rahalahy, ndra rae-aman-drene,
ndra anake, naho ty fanjakan'Agnahare, [30]ze tsy hahazo beibey kea amity zao iaby zao toy, naho amity andro
hoavy, le fiaigna zisikagne."[31]Laha fa baka namory ty roe ambifolo lahy teo amine Re, le hoe re tamiereo:"Ingo,
miakatre hoagne Jerosalema tika, ka reo zaka iaby ze voasora reo mpamisavisa miomba ty anagn'Ondaty le ho
lefe. [32]Fa hatolotre eo amireo Jentilisa re, ka hiheheza, vaho hoafa-baraka, naho handrora. [33]Afara ty hamofoha
Aze, le ho vonoe iereo Re naho amity andro fahatelo le hitsanga ndraike Re."[34]Tsy nahatakatre ndra ino ino
tamireo zaka reo iereo, naho nahaja tamiereo ze rehake zay, naho tsy azo iereo ty zaka rinehake.[35]Naho laha
niharine Jeriko Jesosy, le nisy lahilahy goa raike nitoboke teo antsisin-dala, [36]naho laha naharey ty vahoake
nandrio, le nagnotane ze zaka nisy re. [37]Nitalily tamiereo ty hoe nandrio teo Jesosy bakagne Nazareta.[38]Ka nikaike
mafe ty lahilahy goa, nanao ty hoe:"Jesosy, ana Davida, mandefera amiko." [39]Fa reo ze nandeha aloha le nirehake
mafe ty lahilahy goa, ka nirehake tamine mba hitsy. Fa re vaho maike nitoka mafe ty hoe:" Ry ana Davida,
mandefera amiko."[40]Jesosy nijano naho nandily ty mba handaisa ty lahilahy ho amine eo. Naho laha fa teo
agnilane ty lahilahy goa, le nagnotane aze Jesosy ty hoe: [41]"Ino ro teanao hataoko ho anao?" Nirehake re ty
hoe:"Tompo, te-hahita raho."[42]Jesosy nirehake tamine ty hoe:"Mahitaha. Ty finoa nao ro nahafake anao." [43]Teo
naho eo le nahita re naho nagnorike Aze, nagnomea hasy an'Agnahare. Ty ndaty iaby, laha fa nahita zay, le
nanolotre fiantsa ho an'Agnahare.

## Chapter 19

[1]Nilitre Jesosy naho nandrio Jeriko. [2]Ingo, nisy lahilahy atao ty hoe Zakaiosy teo. Re le bey ty mpamory hetra vaho
nanan-karea.[3]Niezake ty hahita re hoe ia ty Jesosy, kanefa tsy afake nahita tao agnate vahoake, satria bory re. [4]Ka
nilay magnaloha reo ndaty re naho nanganike ty hetaen'aviavy raike mba hahita Aze, satria handrio amize lala
zay Jesosy.[5]Laha niavy teo amity toera Jesosy, le niandrandra Re ka nanao tamine ty hoe:"Ry Zakaiosy, mizotroa
malaky, fa amizao le tsy mahaintsy hijano antragnonao ao raho." [6]Le nizotro malaky re naho nandrae Aze tamin-
kafalea. [7]Laha fa nahita zay iaby iaby, le nitaray iaby, nanao ty hoe:"Nilitre hamangy ty lahilahy mpanota
Re"[8]Nitsanga Zakaiosy ka nirehake tamy Tompo ty hoe:"Henteo, ry Tompo, ty ambaky ty fanagnako le ho meako
ty mahantra, naho laha ohatre ka nisy zaka namerevereako ndaty, le havahako efatre ambonene." [9]Jesosy
nirehake tamine ty hoe:" Androany ty famonjea ro hoavy ato amity tragnonao toy, satria re kea la anagn'i
Abrahama. [10]Fa ty anagn'Ondaty le avy mba hipay vaho hamonje reo ndaty ze robake."[11]Laha naharey ze zaka zay
iereo, le nanohy nirehake Re naho nanao fagnohara raike, satria teo agnila Jerosalema Re, naho iereo nidineke fa
hiseho eo naho eo ty fanjakan'Agnahare. [12]Laha zao Re le nirehake ty hoe:"Nisy tandapa raike nandeha tagne
antane lavitre mba hahazo fanjaka hoahy vatane naho hihere bakeo.[13]Nikaike folo lahy tamireo mpanompone re,
naho nagnomea farantsa folo iereo, naho nirehake tamiereo ty hoe:' Manova raraham-barotre mandram-
pihereko." [14]Kanefa reo vahoakene nalay aze naho nandefa solontegna nagnorike aze, nanao ty hoe:' Tsy paienay
ty hanjaka io lahilahy io aminay eto.' [15]Naho laha fa nihere ndraike re, baka nandrae ty fanjaka, le nandily reo
mpanompone ze nameane vola mba ho amine eo re, mba hahaiane ze tombone azo iereo tamity fanoa raraham-
barotre.[16]Niavy teo agnoloane ty voalohane, nanao ty hoe:'Tompo, ty farantsanao le nahazo tombone farantsa folo
mihoatre.' [17]Nirehake aze ty tandapa ty hoe:' Soa zay, ry mpanompo soa. Naho riha natoky tamity kele, le hanam-
pahefa amity tana folo riha.'[18]Avy ty faharoe, nanao ty hoe:"Ty farantsanao, tompo, le nahavita farantsa dime.'
[19]Naho nirehake tamine ty tandapa hoe:' Hita tana dime riha.'[20]Avy ty raike hafa, nanao ty hoe:'Tompo, ingo ty
farantsanao, te nahajako soa tao agnate lamba, [21]fa natahotre anao raho, satria lahilahy masiake riha. Ka
mangalake ze tsy natobonao, naho mihaza ty tsy nambolenao.'[22]Nirehake tamine ty tandapa ty hoe:' Amity
rehanao arere ro hitsarako anao, riha ry mpanompo raty fagnahy. Hainao fa zaho le lahilahy masiake, mangalake
ze ty natoboko, naho mihaza ty namboleko. [23]Ka nagnino ro tsy natobonao tagne amity mpamory vola ty volako,
ka laha fa nihere raho le ho nandrae zay niarake tamity anane?'[24]Ty tandapa nirehake tamireo ze nitsanga teo
marine teo ty hoe:'Afaho amine ty farantsa, naho ameo ty mana farantsa folo.' [25]Naho hoe iereo tamine ty
hoe:"Tompo, mana farantsa folo re.'[26]'Zaho mirehake aminareo, fa iaby ze mana le homea mihoatre, fa ze tsy
mana, ndra ze anagnane aza le halae. [27]Fa reo fahavaloko, reo ze tsy nagniry ahy hanjaka eo amiereo, ento atoy
iereo naho vono agnoloako eto."'[28]Laha fa baka nirehake reo zaka reo re, le nandeha aloha, nimbaeo Jerosalema.
[29]Naho laha niavy teo agnila Betifaga vaho Betania Re, teo amity vohitse atao ty hoe Oliva, le nagnirake ty roe
tamireo mpianane Re, [30]nanao ty hoe:"Mandehana agne amity tana magnarake. Laha fa militre nareo, le hahita-
anaka-borike raike mboe tsy nitikira ty ndaty. Bahao zay le andeso amiko atoy. [31]Laha misy magnotane anareo ty
hoe:' Nagnino ro bahanareo io?' la ambarao ty hoe:' Misy ipaia Tompo aze.'[32]Reo ze nirahe le nandeha naho
nahita ty ana-borike arake ty nirehafe Jesosy tamiereo. [33]Laha teo am-pamaha ty ana-borike iereo, le hoe reo
tompone tamiereo ty hoe:"Nagnino ro bahanareo ty ana-borike?" [34]Nirehake iereo ty hoe:"Misy ipaia Tompo aze."
[35]Niente iereo tagne amy Jesosy zay, naho natobo iereo teo ambone ty ana-borike ty lambane naho nanao Jesosy
tambonene eo. [36]Laha nandeha ay Re, le vinela iereo teo amity lala ty lamba iereo.[37]Naho laha fa niharine ty toera
fizotsoa amity vohitse Oliva Re, le nanomboke nifale reo mpianane maro bey naho niantsa an'Agnahare tamity
feo mafe naho ty asa bey iaby ze hita iereo, [38]nanao ty hoe:"Lazao anie ty mpanjaka ty bakamity agnara Tompo!
Fiadagna agne andagnitse naho hasy agne amity ambone vatane!"[39]Ty Fariseo ilane teo amity vahoake le
nirehake tamine ty hoe:"Mpampianako, rehafo mafe reo mpianako." [40]Namale Jesosy naho nanao ty hoe:"
Atalilikо aminareo, fa laha mitsy reo, le hikorake ty vato."[41]Laha fa namonje ty tana Jesosy, le nitagny aze, [42]nanao
ty hoe:"Laha mba hainao vao amize andro zao, eka riha, reo zaka ze manday fiadagna ho anao! Nefa henanezao
rey le mihaja amity masonao.[43]Fa hoavy aminao reo andro, ze hananganane ty fahavalonao manda magnodidy
anao, naho hagnodidy anao, naho hanere anao amity lalane iaby. [44]Iereo le hanota anao amity tane miarake
amity anagnao. Tsy hamototre ndra le vato raike mifanikitre aza iereo, satria riha tsy nahay zay tamy Zagnahare
niezake ty hamonje anao."[45]Nilitre tao antempoly Jesosy naho nanomboke nandroake reo ze nivarotre, [46]nirehake
tamiereo ty hoe:"Te fa voasoratre hoe:'Ty tragnoko le natao tragno fivavaha,' fa nareo kea nanao zay ho zaka
fivoria ty jomake."47 Ka le nampianatre isan'andro tao antempoly Jesosy. Reo loha ty mpisoro vaho reo mpanora-
dily naho reo mpitarike ty vahoake le nipay hamono aze, [48]fa tsy nahita fomba hanova zay iereo, satria nazoto
nidranjy Aze iaby ty vahoake iaby.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 20

[1]Naho indraike andro, laha nampianatre ty vahoake tao amity tempoly Jesosy naho nitalily ty zaka soa, le
namonje Aze reo loha ty mpisoro vaho mpanora-dily niarake tamireo olobey. [2]Nirehake iereo, nanao tamine ty
hoe:"Ambarao anay ty hoe amity fahefa ino ro hanovanao reo zaka reo? Ndra kea ia ro nagnomea anao ze fahefa
zao?"[3]Namle Re naho nirehake iereo ty hoe:"Zaho kea le hametrake ontane aminareo. Ambarao Ahy ty mikasike
[4]ty batisa Jaona. Feie vao zay bakagne andagnitse sa bakamity Ondaty?"[5]Nialy hevetre iereo, nanao ty hoe:"Laha
hamale tika ty hoe:'Bakagne andagnitse' le hirehake Re ty hoe:' Ka nagnino nareo ro tsy nino Aze?' [6]Fa laha
mirehake tika ty hoe:' Bakamity ndaty,' le hitora-bato antika ty vahoake iaby, satria iereo le rese lahatre fa Jaona
le mpamisavisa."[7]Laha zao le namale iereo fa tsy hay iereo ty niaviane. [8]Jesosy nirehake tamiereo ty hoe:"Zaho
kea tsy hitalily aminareo ze fahefa hanovako ze zaka iaby zao."[9]Nirehafene tamity vahoake ze fagnohara
zao:"Nisy lahilahy raike nanao tanem-boaloboke, nampagnofa zay tamity mpambole voaloboke, naho nandeha
tagne amity firene hafa zisike ty andro ela. [10]Tamity lera voamare le nandefa mpanompo re hoagne amireo
mpambole voaloboke, fa tokone hagnomea aze ty voa ty hetae voaloboke iereo. Finofo reo mpambole anefa re,
naho nalefane nihere tagnam-polo.[11]Bakeo nandefa mpanompo hafa ndraike re naho le finofo iereo avao kea,
nafahane baraka, naho nalefa iereo tagnam-polo. [12]Mboe nandefa fagnintelone re naho finere iereo kea re, naho
rinoane.[13]Laha zao le nirehake ty tompo ty tanem-boaloboke ty hoe:' Ino ro hataoko? Halefako agne ty anadahy
malalako. Mete mba ho hajae iereo re." [14]Fa laha fa hita reo mpambole voaloboke re, le nifampirehake iereo,
nanao ty hoe:' Io ty mpandova. Ndao ho vonoentika re, mba ho lasantika ty lova.'[15]Rinoa iereo niala ty tanem-
boaloboke re naho vinono iereo. Ino are ro hatao ty tompo ty tanem-boaloboke amiereo? [16]Hoavy re naho
hamoteke reo mpambole voaloboke, naho hagnomea ty tanem-boaloboke hoahy ty hafa." Laha fa naharey zay
iereo, le nanao ty hoe:" Sagnatria amin'Agnahare!"[17]Fa nagnete iereo Jesosy, nanao ty hoe:"Ino ty heve ty
voasoratre ty hoe:' Ty vato ze niliere reo mpagnoren-tragno ro lasa vato mafe'? [18]Ty kirai-kiraike ze mitonta ao
amio vato o le ho torotoro. Fa ndra ia ia hitontane, le ho poteke."[19]Ka nipay hitsepake Aze tamio lera ao reo
mpanora-dily vaho reo mpisoro, fa hay iereo fa nirehafene fagnohara ao handietre iereo. Kanefa natahotre ty
vahoake iereo. [20]Teo am-pandiniha Aze soa, le nandefa mpijilo kisare mare iereo, mba hahafaha iereo mahita
tsiny amity rehane, ka hanolotre Aze eo amity fandilia vaho ty fahefa ty governora.[21]Nagnotane Aze iereo, nanao
ty hoe:"Mpampianatre, hainay Riha fa mirehake vaho mampianatre am-pahamarea, naho tsy voatary ty heve nia
ia, fa riha le mpampianatre ty hamarea miomba ty lalan'Agnahare. [22]Ara-dala hoanay vao ty mandoa hetra amy
Kaisara, sa tsy ie?"[23]Fa Jesosy le nahatakatre ty fahihira iereo, naho nirehake tamiereo ty hoe: [24]"Manoroa denaria
raike Amiko. Ania io sare vaho agnara amine eo o?" Nirehake iereo ty hoe:"Ahy Kaisara."[25]Hoe Re tamiereo ty
hoe:"Laha zao ameo Kaisara ty raraha ze ahy Kaisara, naho an'Agnahare, reo raraha ze an'Agnahare." [26]Tsy nahita
tsiny tamize nirehafene teo agnoloa ty vahoake iereo, fa le nigaga tamity valen-drehane ka nitsy.[27]Laha fa niavy
teo amine ty ilane tamireo Sadoseo, reo ze nirehake fa tsy misy fitsangana amity mate, [28]nagnotane aze iereo,
nanao ty hoe:"Mpampianatre, Mosesy le nanoratre hoantika fa laha matety rahalahy ty lahilahy raike, manam-
baly, naho tsy managnanake, le tokone hagngala-baly ty valin-drahalahine ty lahilahy, naho hagnomea anake
hoahy ty rahalahine.[29]Nisy mpirahalahy fito naho ty voalohane manam-baly, naho nimate tsy nanagnanake,
[30]naho ty faharoe kea hoe zay. [31]Nagnakatre aze ty fahatelo, naho hoe zay iaby ie fito sambe tsy nanagnanake,
naho nimate. [32]Tafara zay le mate kea ampela ay. [33]Amity fitsangana amity mate, ho valinia vao re? Fa sambe le fa
nanambale aze ie fito."[34]Jesosy nanao tamiereo ty hoe:"Reo ana zao tontolo zao le magnaka-baly vaho akare. [35]Fa
reo ze hita amize andro zao fa soa ty hahazo ty fitsangana amity mate le tsy hagnaka-baly ndra hakare. [36]Tsy ho
mate sase iereo, satria mitovy amireo anjele vaho reo anan'Agnahare, ty ana ty fitsangana amity mate.[37]Fa ty mate
le natsanga, ndra Mosesy aza le nanoro, teo amity toera ze nisy ty voaroy, ty nikaihane ty Tompo ho Zagnahare
Abrahama vaho Zagnahare Isaka naho Zagnahare Jakoba. [38]Naho Re le tsy Zagnahare ty mate, fa ty velo, satria
iaby iaby le velo amine ao."[39]Ty ilane tamireo mpanora-dily namale ty hoe:"Mpampianatre, namale soa Riha."
[40]Satria tsy nahasaky nametrake fagnotanea hafa tamine sase iereo.[41]Jesosy nirehake iereo ty hoe:"Akore ro
irehafa iereo fa Kirisity le anadahy Davida? [42]Fa Davida avao ro nirehake tao amity boke Salamo ty hoe:Ty Tompo
nirehake tamity Tompoko ty hoe:'Mitoboha eo antagnan-kavanako, [43]mandram-panoako ty fahavalonao ho fisy ty
tombonao.' [44]Laha zao Davida le nikaike Kirisity hoe:'Tompo', ka akore ro maha ana Davida Aze?"[45]Teo agnoloa ty
ndaty iaby le nirehake tamireo mpianane Re ty hoe: [46]"Miambena amity mpanora-dily, te magniry handeha
miarake amity akanjo lava, vaho tea fanalama arere egne ambazary, vaho seza voalohane ao agnate synagoga,
naho toera voalohane agne amity fagnafara. [47]Iereo kea mandany ty tragno reo mpivem-bata, naho manao
vavake lavabey ho fiboaha. Ty lahilahy hoe zay le hahazo fimeloha bey kea."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 21

[1]Jesosy nagnete ka nahita reo lahilahy manan-karea te nampipoke ty fagnate iereo tao amity fampipohan-
draketre. [2]Nahita mpivem-bata mijale raike nampipoke farantsa roe Re tao. [3]Ka hoe Re ty hoe:"Atalíliko mare
aminareo, ty mpivem-bata mijale toy le nampipoke maro naho ie iaby. [4]Iaby reo le nagnomea fagnatetre arake ty
habey ty hareane. Fa ty mpivem-bata toy, tamity fijaleane, le nampipoke ty hivelomane iaby."[5]Laha nisy maro
nirehake miomba ty tempoly, fa voaravake vato soa tarehe vaho fagnatetre zay, le hoe Re ty hoe: [6]"Fa ty amireo
zaka hitanao reo, mboe hoavy ty andro ze tsy hisy ndra vato raike aza hijano amity hafa ka tsy ho ravae."[7]Ka
nagnotane Aze iereo, nanao ty hoe:"Ry mpampianatre, mbia reo zaka reo ro hiseho? Ino ro famantara laha fa
hiseho reo zaka reo?" [8]Jesosy namale ty hoe:"Miambena mba tsy ho voa fitake nareo. Fa ro hoavy amity agnarako,
hanao ty hoe:'Zaho ro ie,' naho, Le fa marine ty andro.' Ko magnorike iereo. [9]Laha fa maharey aly vaho vande
nareo, le ko matahotre, fa reo zaka reo le tsy mahaintsy hiseho aloha, fa ty farane le tsy hiseho eo naho eo."[10]Naho
hoe Re tamiereo ty hoe:"Ty firene le hitsanga handietre firene, naho ty fanjaka handietre fanjaka.
[12]Fa aloha reo zaka iaby reo, le hitsepake anareo iereo naho hagnia anareo, hanolotre anareo ao amity synagoga
vaho ty hagadra, handay anareo eo agnoloa reo mpanjaka vaho reo mpandily naho ty agnarako. [13]Zay le
hagnomea fahafaha ho amity fanoa nareo vavolombelo.[14]Laha zao le manampaha hevetre ao agnarofonareo mba
tsy hagnoma ty fiaronareo aloha ty fotoa, [15]fa zaho hagnomea rehake vaho hamarea anareo, te tsy afake liere
vaho lliere reo mpandietre anareo.[16]Fa nareo kea le hatolotre ty rae-aman-drene, reo rahalahy, reo longo vaho reo
nama, naho iereo le hamono ho mate ty ilane aminareo. [17]Ho heje ty kirai-kiraike naho ty agnarako Nareo. [18]Fa tsy
hisy ho robake ndra le pilam-bolo raike eo amity lohanareo aza. [19]Amity faharetanareo ro hamonjeanareo ty
fagnahinareo.[20]Laha fa hitanareo voahodidy miaramila Jerosalema, le haio fa le marine ty haharavane. [21]Le ao
reo ze agne Jodia hilay agne ambohitse, naho ao reo ze agne agnivo ty tana hiala, naho ko enga hilitre ao reo ze
agne ambanevolo. [22]Fa reo ro andro ty valefate, mba ho lefe reo zaka iaby te fa voasoratre.[23]Loza hoahy reo ze
manday troke vaho hoahy reo mampinono amize andro zay! Fa hisy fijaleam-bey eo amity tane, naho heloke
amio vahoake eo. [24]Ho lavo ty meso iereo naho hoente ho azo agne amity firene iaby, naho Jerosalema le ho
voatsiboda reo Jentilisa, mandram-pahalefe ty andro ty Jentilisa.[25]Hisy famantara egna maity masoandro, egne
amity vola, vaho egne amity kinta, naho antane eto. Ho azom-pijalea reo firene, hangirifiry naho ty eron-driake
vaho reo onjane. [26]Hisy lahilahy ho tora ty tahotre vaho ty fandignasa reo zaka ze hoavy antane eto. Fa ho
hozogne ty here ty lagnitse.[27]Bakeo le ho hita iereo ty Anagn'Ondaty avy egne amity raho miarake amity here
vaho ty hasy bey. [28]Fa laha fa manomboke miseho reo zaka reo, le mitsangana naho akaro ty lohanareo, satria te
fa marine ty fagnafaha anareo."[29]Nanao fagnohara tamiereo Jesosy ty hoe:"Henteo ty hetaen'aviavy, vaho reo
hetae iaby. [30]Laha fa mitaroke reo,le ho hitanareo arere fa le fa marine ty lohatao. [31]Hoe zay kea, laha fa hitanareo
miseho reo zaka reo, le hainareo fa le fa marine ty fanjakan'Agnahare.[32]Ataliliko aminareo, mare vatane, ty foko
toy le tsy ho mate mandram-pisehoa reo zaka reo. [33]Ty lagnitse vaho ty tane le ho rava, fa reo tsarako le tsy ho
rava zisikagne.[34]Fa miambena amity vatanareo, mba tsy ho vesare ty voka ty finoma vaho ty hamamoa ty
arofonareo, vaho reo fisalasala ty havelo, ka bakeo le hihily tampoke aminareo manahake ty fandrike ze andro
zay. [35]Fa zay le hoavy amity kirai-kiraike ze velo magneran-tane.[36]Fa mba miambe amity andro iaby, mivavaha
mba ho ampe here nareo hilay reo zaka iaby ze hiseho, naho ty agnoloa ty anagn'Ondaty eo le hitsangana."[37]Ka
zisike ty andro le nampianatre tao amity tempoly Re, naho hale le nandeha niakatre Re naho nijano teo
ambohitse Oliva. [38]Reo vahoake iaby le niavy vaho maraindray mba hidranjy Aze tao amity tempoly.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 22

[1]Naho le fa marine ty Hafalea amity Mofo tsy misy masirasira, te atao ty hoe Pasake. [2]Nialy hevetre reo loha ty
mpisoro vaho reo mpanora-dily ty amity fomba hahafaha iereo mamono Jesosy, satria natahotre ty ndaty iereo.
[3]Bakeo Satana nilitre tamy Jodasy Iskariota, ty raike tamireo roe ambifolo. [4]Jodasy nandeha nimbaeo amireo loha
ty mpisoro vaho reo kapitene naho nialy hevetre tamiereo ty amity fomba hivaliha amy Jesosy amiereo eo.
[6]Nagneke re, naho nipay kendren-tohy mba hanolora Aze amiereo eo lavitre ty vahoake.[7]Niavy ty andro ty mofo
tsy misy masirasira, te tsy mahaintsy hanoa soro ty anak'agnondry ty Pasake. [8]Jesosy nagnirake Petera vaho
Jaona, nanao ty hoe:"Mandehana naho vognono hoantika ty sakafo ty Pasake, mba hahafahantika mihina zay."
[9]Iereo nagnotane Aze ty hoe:" Aia ty teanao hanovanay ty fagnomana?"[10]Namale iereo Re ty hoe:"Dranjigno, laha
fa militre ty tana nareo, le hisy lahilahy raike manday sinin-drano hifanalaka aminareo. Magnoriha aze amize
tragno ilirane. [11]Le rehafo ty tompo ty tragno ty hoe:"Ty Mpampianatre mitalily aminao ty hoe:"Aia ty tragno
fandrambesa vahiny, ty hihinanako ty sakafo ty Pasake miarake amireo mpianako?""[12]Re hanoro anareo efetragno
ambone tafo bey misy enta. Anovo ao ty fagnomana." [13]Ka le nandeha iereo, naho nahita ty zaka iaby arake ze
nirehafene tamiereo. Naho nagnoma ty sakafo ty Pasake iereo.[14]Laha fa niavy ty andro, le nitoboke niarake
tamireo apostoly Re. [15]Le nirehake tamiereo Re ty hoe:"Nagniry mafe ty hihina ty Pasake toy miarake aminareo
Raho aloha ty hijaleako. [16]Fa ataliliko aminareo, tsy hihina toy sase Raho, mandram-pahalefea zay agne amity
fanjakan'Agnahare."[17]Le nandrae kapoake Jesosy, naho laha fa nisaotre Re, le nanao ty hoe:"Raeso toy, naho zarao
aminareo. [18]Fa atalilik aminareo, tsy hino ty voka ty voaloboke sase Raho, mandram-pahavia ty
fanjakan'Agnahare."[19]Le nandrae ty mofo Re, naho laha fa nisaotre, le tinampane zay, naho nomeane iereo, le
nanao ty hoe:"Toy ty vatoko te amea ho anareo. Anovo zao ho fahatiarova Ahy." [20]Niraesene manahake zay kea ty
kapoake laha fa vita ty sakafo, le hoe re ty hoe:"Ty kapoake toy le ty fifagnekea vaovao amity lioko, te napoko ho
anareo.[21]Fa miambena. Ty raike ze hivadike Ahy le miarake amiko eto andatabatre. [22]Fa ty anagn'Ondaty le
mandeha kea arake ze voatendre. Fa hoahy ze lahilahy zay hamadike Aze zay!" [23]Nanomboke nifagnotane iereo ty
amity raike amiereo ze mete hanao zay.[24]Le nisy fifandiera kea tamiereo eo miomba ty dinehe ho bey vatane
amiereo. [25]Nirehake tamiereo Re ty hoe:"Reo mpanjaka ty Jentilisa le tompo iereo, naho reo ze mana fahefa
amiereo le hatao ho hoe reo ze manao soa hoahy ty vahoakene.[26]Fa tsy hoe zay kea ty aminareo. Hafa zay, ao ze
bey vatane aminareo ho lasa hoe ty kele vatane, naho ao ze manan-danja vatane ho lasa manompo. [27]Fa ia ro bey
kea, ze mitoboke amity latabatre, sa ze manompo? Tsy ze mitoboke eo amity latabatre vao? Kanefa raho
aminareo eto hoe ty raike manompo.[28]Fa nareo ro ndaty nanohy niarake tamiko tao amity fangalam-pagnahy
nahazo ahy. [29]Ameko fanjaka nareo, manahake ty Raeko ka nagnomea fanjaka hoahy, [30]mba ho afake hihina vaho
hino eo andatabako agne amity fanjakako nareo, naho hitoboke eo amity sezan-droandria hitsara ty foko Israely
roe ambifolo nareo.[31]Simona, Simona, miambena, mipay anareo ty Satana, mba hahafahane maniva anareo
manahake ty vare. [32]Fa nivavake ho anao Raho, mba tsy ho mate ty finoanao. Afara ty himpolianao ndraike, le
hamafeso reo rahalahinao."[33]Petera nirehake tamine ty hoe:"Tompo, vogno hiarake aminao raho ndra agne
ampigadra ndra hoagne amity fate." [34]Jesosy namale ty hoe:"Ambarako anao, ry Petera, tsy hikekeo ty akoho
amize andro zay, aloha ty handieranao Ahy intelo ty hoe mahay Ahy riha."[35]Le nirehake tamiereo Jesosy ty
hoe:"Laha fa nandefa anareo tsy niarake tamity fisy vola, kitapom-batse, ndra kiraro raho, nisy zaka tsy niampe
anareo vao?" Namale iereo ty hoe:"Tsy nisy." [36]Le nirehake tamiereo Re ty hoe:"Fa zao, ze mana fisy vola, ao re
hangalake zay, ndra kitapom-batse avao kea. Ze tsy mana meso le tokone hivarotre ty lambane naho hivily raike.
[37]Fa zaho mirehake aminareo, ze voasoratre miomba Ahy le tsy mahaintsy lefe:' Re le rinae hoe ty raike anireo tsy
magnori-dily.' Fa ze nirehafe aloha miomba Ahy le fa ho lefe" [38]Le nirehake iereo ty hoe:"Tompo, Henteo! Toa
misy meso roe." Re nirehake tamiereo ty hoe:"Ampe zay."[39]Tafara ty sakafo, le nandeha Jesosy, hoe ty fataone
mateteke, tagne ambohitre Oliva, naho nagnorike Aze reo mpianane. [40]Laha fa niavy iereo, le hoe Re
tamiereo:"Mivavaha mba tsy hiliranareo amity fangalam-pagnahy."[41]Niala teo amiereo teo naho eo amity
indraike mitora-bato Re, l nandohaleke Re naho nivavake, [42]nanao ty hoe:"Ray o, laha mete, le afaho amiko ty
kapoake toy. Ndra zay aza tsy ty teako, fa ty Anao ro hatao."[43]Le nisy anjele bakagne andagnitse niseho tamine,
nagnamafe Aze. [44]Tagnate ty jale, nivavake tamin-kafana-narofo mafe kea Re, naho ty hafanane le hoe ty lio nitete
tamity tane.[45]Naho laha fa nitsanga baka nivavake Re, le nimbaeo amity mpianatre, naho nahita iereo niroro
naho ty alahelo iereo, [46]ka nagnotane iereo ty hoe:"Nagnino ro miroro nareo? Mitsangana naho mivavaha, mba
tsy hiliranareo amity fangalam-pagnahy."[47]Laha mboe nirehake Re, ingo, nisy vahoake niseho, niarake tamy
Jodasy, raike amireo roe ambifolo, nitarike iereo. Namonje Jesosy re mba hagnoroke Aze, [48]Jesosy nanao tamine ty
hoe:"Jodasy, mamadike ty anagn'Ondaty amity oroke vao riha?"[49]Laha fa nahita ty zaka niseho reo ze nagnodidy
Jesosy, le nirehake re ty hoe:"Tompo, tokone hamofoke amity meso vao zahay? [50]Bakeo ty raike tamiereo

namofoke ty mpanompo ty mpisorom-bey, naho nadily ty sofine havana. [51]Jesosy nanao ty hoe:"Ampe zay!"
Kinasine ty sofine, naho sinitrane re.[52]Jesosy nirehake tamity loha ty mpisoro, tamireo kapitene ty tempoly, naho
tamireo olobey ze niavy handietre Aze ty hoe:"Avy manahake ty hitsepake mpangalatre vao nareo, miarake amity
meso vaho kopikopy? [53]Tamizaho niarake taminareo isan'andro tao antempoly, tsy nitsepake Ahy nareo. Fa zao ro
leranareo, vaho ty fahefa ty faieke."[54]Tamity nitsepaha Aze, le tinary iereo Re, naho niente iereo tagne antragno ty
mpisorom-bey. Fa Petera nagnorike bakegne lavi-davitre. [55]Laha fa baka nandrehetre afo teo agnivo ty tokotane
naho niara-nitoboke iereo, le nitoboke teo agnivo iereo ty Petera.[56]Nisy mpanompo vave raike nahita aze laha
nitoboke teo amity hazava ty afo re, naho nagnete mahity aze vaho nanao ty hoe:"Ty lahilahy ty kea niarake
tamine." [57]Fa Petera nilietre zay, nanao ty hoe:"Ry ampela, tsy haiko Re." [58]Afake kele le nisy ndaty hafa nahita aze,
naho nanao ty hoe:"Riha kea raike amiereo." Fa Petera nanao ty hoe:"Ry lahilahy, tsy ie raho."[59]Laha afake lera
raike teo le nisy lahilahy hafa nizizo vaho nanao ty hoe:"Mare fa niarake tamine kea ty lahilahy tia, fa re le
Galilia." [60]Fa Petera nanao ty hoe:"Ry lahilahy, tsy haiko ty rehanao." Teo naho eo, laha mboe nirehake re, le nisy
akoho nikekeho.[61]Nagnete, ty Tompo nagnete Petera, naho Petera nahatiaro ty tsara Tompo, tamity nirehake
tamine Re ty hoe:"Aloha ty hikekeoa ty akoho androany le hilietre Ahy intelo riha." [62]Niakatre tagne ambalike ty
Petera naho nitagny mafe.[63]Naho reo lahilahy niambe Jesosy le nagnanihany naho namofoke Aze. [64]Nasia iereo
sarone Re naho nagnotane aze iereo, nanao ty hoe:"Mamisavisa! Ia ty ndaty namofoke anao?" [65]Nirehake zaka
hafa maro handietre Jesosy iereo, nirehake raty Aze.[66]Laha vaho nazava ty andro, le niarake-nivory reo olobey, ty
loha ty mpisoro vaho ty mpanora-dily. Niente iereo tagne amity Synedriona Re [67]naho nanao ty hoe:"Laha Riha ro
kirisity, le rehafo aminay." Fa Re nirehake tamiereo ty hoe:"Laha ho rehafeko aminareo, le tsy hino nareo," [68]naho
laha hagnotane anareo Raho, le tsy hamale nareo.[69]Fa manomboke zao, ty Anagn'Ondaty le hitoboke eo antagna
havana ty heren'Agnahare." [70]Ie iaby nanao ty hoe:"Le Anan'Agnahare zay Riha?" Jesosy nirehake tamiereo ty
hoe:"Hainao fa raho ro ie."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 23

1Nitsanga ty ndaty iaby tamiereo, naho nanday Jesosy teo agnoloa Pilato. 2Nanomboke nita Aze iereo, nanao ty
hoe:"Hitanay ty lahilahy tia maniva ty firenenay, nandrara ty hagnomea ty hetra hoahy Kaisara, naho nanao ty
hoe ire ro Kirisity mpanjaka."3Pilato nagnotane Aze, nanao ty hoe:"Riha vao ro mpanjaka Jiosy?" Jesosy namale
aze naho nanao ty hoe:"Hainao." 4Pilato nirehake atmireo loha ty mpisoro vaho reo vahoake ty hoe:" Tsy mahita
hadisoa amity lahilahy toy raho." 5Fa mboe nizizo iereo, nanao ty hoe:"Magnoronta ty vahoake eo, mampianatre
era Jodia iaby, manomboke agne Galilia ndra hatratoy amity toera toy aza."6Ka laha fa rey Petera zay, le
nagnotane re laha ohatre ka Galilia i lahilahy io. 7Laha fa hitane fa tao ambane fahefa Heroda Re, le nalefane
Jesosy nimbaeo amy Heroda, te tagne Jerosalema avao kea tamize andro zay.8Laha fa hita Heroda Jesosy, le
vatane fale re, satria le fa te-hahita Aze avao. Naharey ty miomba Aze re naho nagnatena ty hahita hagaga maro
nataone. 9Heroda nagnotane Jesosy tamity rehake maro, feie Jesosy tsy namale ndra ino ino aze. 10Reo loha ty
mpisoro vaho reo mpanora-dily nitsanga, nita mafe Aze.11Heroda vaho reo miaramilane naniva Jesosy vaho
nagnaraty Aze. Bakeo le nampiankajo Aze lamba soa tarehe iereo naho nalefa iereo nihere tagne amy Pilato Re.
12Fa Heroda vaho Pilato le ninjare mpinama tamity andro o( Taloha zay le nialy iereo).13Bakeo Pilato nikaike reo
loha ty mpisoro vaho reo mpandily naho reo vahoake maro niarake, 14naho nirehake tamiereo ty hoe:"
Nientenareo teto amiko ty lahilahy toy manahake ty lahilahy ty mitarike ty ndaty hanao raty, naho henteo, raho,
laha nagnotane tamine tagnoloanareo, le tsy mahita hadisoa amity lahilahy toy mikasike reo zaka ze hitananareo
Aze.15Aha, ndra le Heroda aza, satria nalefane nihere tatoy amintika Re, naho henteo, tsy misy ndra ino ino te soa
amity fate vitane. 16Laha zao le ho liloveko Re, naho havotoko Re." 17(Fagnamarea: Reo fandika soa vatane le tsy
magnisy ty And 17 ty hoe: Naho Pilato le voatere namototre gadra raike hoahy reo Jiosy tamity andro hafalea.)18Fa
niarake nikorake mafe iereo, nanao ty hoe:"Ento agne eo lahilahy ui, naho avotoro ho anay ty Barabasy!"
19Barabasy le lahilahy raike te nilitre hagadra naho ty vande maro nataone vaho vonoa ndaty.20Naho nirehake
tamiereo ndraike Pilato, nagniry ty hamototre Jesosy. 21Feie nitabataba mafe iereo, nanao ty hoe:"Heheo Re, Hefeo
Re." 22Nirehake tamiereo fagnintelone re ty hoe:"Nagnino, fa ino ro raty vita ty lahilahy toy? Tsy nahita ndra ino
ino ze saze mete famonoa tamine raho. Laha zao laha fa nandilo Aze, le hamototre Aze raho."23Fa iereo nizizo
tamity feo ambone, nangatake Aze mba feheze. Ty feo iereo le nandrese lahatre Pilato. 24Ka le nanam-pakevetre ty
hagneke ty hata iereo ty Pilato. 25Nabotone ty raike nangatahe iereo ty nalefa tagne ampigadra naho ty vande
vaho vonoa ndaty. Fa natolone ho amity sitrampo iereo ty Jesosy.26Naho teo ampindesa Aze iereo, le nita Simona
bakagne Syrenia, ty bakagne ambanevolo, naho natobo iereo tamine eo ty hetae fijalea mba ho entene, nagnorike
Jesosy.27Maro tamireo vahoake, vaho reo ampela ty nalahelo mafe vaho nandala Aze, ro nagnorike Aze. 28Fa laha
fa nitolike tagne amiereo, le nirehake Jesosy ty hoe:"Ry anakampela Jerosalema, ko mitagny Ahy, fa mitagnia
hoahy ty vatanareo vaho hoahy reo anagnareo.29Fa ingo, hoavy ty andro ze hirehafa iereo ty hoe:' Sambatre reo
tsy miterake vaho reo troke ze tsy niterake, naho ty nono ze tsy nampinono kolo.' 30Naho le hanomboke hirehake
amireo vohitse iereo ty hoe:'Mitonta aminay,' naho amity tazoa ty hoe:"Manakona any." 31Fa laha manao ze zaka
zay iereo laha mboe mikaike ty hetae, ino ro hiseho laha fa maike zay?"32Nisy lahilahy hafa, ndaty raty roe, niente
niarake tamine mba ho vonoe.33Laha fa niavy teo amity toera raike atao ty hoe"Ikarandoha" iereo, le teo ro
namonoa iereo Aze, vaho reo ndaty raty- ty raike tankavana naho ty raike tamity havia. 34Jesosy nirehake ty
hoe:"Ray o, mamotora iereo, fa tsy hay iereo ty hataone." Bakeo le niloka iereo, nizara ty sikine.35Le nitsanga
nagnete teo reo ndaty laha mboe nagnanihany Aze kea reo mpandily, nanao ty hoe:"Namonje reo hafa Re. Engao
Re hamonje ty vatane, laha Re ro Kirisitin'Agnahare, ty aze voafily."36Reo miaramila avao kea le nagnafa-baraka
Aze, namonje Aze, nagnomea Aze vinangetre, 37naho nanao ty hoe:"Laha Riha ro mpanjaka Jiosy, vonjeo ty
vatanao." 38Nisy famantara avao kea teo ambonene ty hoe:"Toy ty mpanjaka Jiosy."39Ty raike tamireo ndaty raty ze
nihanto teo ro nandraty Aze tamity nirehafane ty hoe:"Tsy riha vao ro Kirisity? Vonjeo ty vatanao vaho zahay."
40Fa ty ty raike nirehake mafe aze, nanao ty hoe:"Tsy mba matahotre an'Agnahare vao riha, laha sambe ambane ty
fimeloha mitovy avao? 41Tika le eto ara-drarene kea, satria tika. Fa ty lahilahy toy tsy nanao zaka raty."42Bakeo re
nanao ty hoe:"Jesosy o, tiarovo raho laha fa avy agne amity fanjakanao riha." 43Jesosy nanao tamine ty
hoe:"Atalilik0 mare aminao, fa androany riha le hiarake amiko agne amparadisa."44Naho lera faha-ene teo
tamizay, naho ty ieke baka nanako ty tan iaby zisikamity lera fahasive 45laha niha maieke ty hazava ty
masoandro. Bakeo ty lamba ty tempoly le nizara bakeo agnivone.46Nikorake tamity feo mafe, Jesosy nanao ty
hoe:"Ray o, antagnanao eo ro agnisiako ty fiaignako." Laha fa baka nirehake zay re, le mate Re. 47Laha fa hita ty
kapitene ty zaka nisy, le nagnomea hasy an'Agnahare re, nanao ty hoe:"Azo antoke vatane fa ndaty mare ty
lahilahy tia."48Laha fa hita reo vahoake iaby ze niarake-niavy ho vavolombelo nagnatre-maso reo zaka niseho reo,
le nihere niteha-tratra iereo. 49Fa iaby reo ze nahay Aze, vaho reo ampela ze nagnorike Aze bakagne Galilia, le


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nitsanga tegne lavitre, nagnete ze zaka zay.[50]Naho ingo, nisy lahilahy raike atao ty hoe Josefa, ty mpikamba tao amity Synedriona. Ndaty soa vaho mare re. [51]Lahilahy io le tsy nagneke ty fanam-pahakeve ty Synedriona vaho ty asa iereo. Bakagne amity tana ty Jodiana tagne Armatia re; naho re le nipay ty fanjakan'Agnahare.[52]Lahilahy io, laha namonje Pilato, le nangatake ty vata Jesosy. [53]Nalaene nizotro zay, rinakone hariry malineke, naho natobone tao agnate kibory raike ty vinaky tamity vato, te tsy mboe nisy ndaty nileve ao.[54]Andro ty Fiomana tamizay, naho mboe nazava raty ty Sabata. [55]Reo ampela, ze niarake tamy Jesosy niala tao Galilia, le nagnorike bakao afara naho nahita ty kibory vaho ty fomba nanoa ty fatene. [56]Nihere iereo, naho nagnoma zaka-magnitre vaho menake magnitre. Naho tamity sabata le nihasoa iereo arake ty lily.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 24

1Vaho maray tamity andro voaloha ty heregnandro, le nimbaeo amity kibory iereo, nanday reo zaka-magnitre ze
namboare iereo. 2Hita iereo niala lavitre ty kibory ty vato. 3Nilitre tao iereo, kanefa tsy nahita ty vata i Tompo
Jesosy.4Naho, laha mboe sahiran-tsay miomba zay iereo, tampoke teo, le nisy lahilahy roe nanao siky
mamirapiratre nitsanga teo agnila reo. 5Naho laha fa feno tahotre reo ampela le nihohoke tamity tane, nirehake
tamireo ampela iereo ty hoe:"Nagnino nareo ro mipay ty velo atoy amity mate?6Tsy ato re, fa le fa natsanga!
Tiarovo ty nirehafane anareo tamy Re mboe tagne Galilia, 7nagnambara fa ty anagn'Ondaty le tsy mahaintsy
hatolotre ho eo antagna ty ndaty mpanota ka ho pehe eo amity hetae fijalea, naho amity andro fahatelo le
hitsanga ndraike."8Reo ampela le nahatiaro reo rehane, 9ka nihere bakagne amity kibory naho nitalily ze zaka
iaby zay tamireo raike ambifolo vaho ty sisane iaby. 10Naho Mary Magdalena, Johana, Mary rene Jakoba, naho reo
ampela hafa niarake tamine le hitalily ze zaka zay tamireo apositoly.11Fa ze talily zay le hoe ty tsy nisy dikane
tamireo apositoly, ka tsy nino ampela reo iereo. 12Kanefa nitsanga Petera, le nilay nimbaeo amity kibory, naho
niondreke vaho nagnete tao, le nahita reo lamba-pate nitoka. Naho Petera noly tagne antragnone, nagnotane vata
ty amize zaka zay.
14Iereo le nifampirehake miomba reo zaka iaby ze nisy.15Naho, laha niara-nirehake vaho niara-nagnotane iereo, le
namonje vaho nandeha niarake tamiereo Jesosy. 16Fa ty maso iereo le sinaka mba tsy hahay Aze.17Jesosy nanao
tamiereo ty hoe:"Ino ro rehafenareo roe etoy ampandehana?"Le nijano iereo vaho nalahelo. 18Ty raike tamiereo,
natao ty hoe Kleopasy, namale Aze hoe:"Iriha arere vao ro ndaty tao Jerosalema tsy nahay reo zaka niseho tagne
tamize andro zay?19Jesosy nanao tamiereo ty hoe:"Zaka ino?" Iereo namale Aze ty hoe:"Reo zaka mikasike Jesosy
Nazareta, te mpamisavisa, nahere tamity asa vaho ty tsara teo agnoloan'Agnahare vaho ty ndaty iaby, 20naho ty
fomba nanolora reo loha ty mpisoro vaho reo mpandilinay Aze mba ho melofa ho mate vaho ty namonoa Aze teo
amity hetae-fijalea.21Kanefa zahay nanantena fa Re ro hagnafake Israely. Eka, naho hafa ze iaby zay, telo andro
androany zao ro nisehoa ze zaka iaby zay.22Nefa kea, ty ampela ilane tamity namanay le nahatama anay, ty tagne
amity kibory vaho maray. 23Laha fa tsy nahita ty vatane iereo, le naho, nirehake fa iereo kea le nahita fahitava
anjele te nitalily fa velo Re. 24Ty lahilahy ilane ze niarake taminay le nandeha tagne amity kibory, naho nahita zay
arake ze rineha reo ampela. Feie tsy nahita Aze iereo."25Jesosy nanao tamiereo ty hoe:"Ry lahilahy gege vaho votsa
vaho mino reo iaby voatalily ty mpamisavisa! 26Feie vao tsy pinay hoahy Kirisity ty nijale tamirey zaka rey, ka
hilitre agne amity haisne?" 27Naho nanomboke tamy Mosesy ka zisikamireo mpamisavisa iaby, le nandika Jesosy
tamiereo ao amity Soratre Masy ty miomba ty Vatane.28Laha niharine ty tana ze niombane iereo, le nanoro
hetseke hoe ty hoe handeha lavitre ty Jesosy. 29Fa nanere iereo, nanao ty hoe:"Mijanogna aminay eto, fa le fa ho
hariva zao naho le fa hitsofotre ty andro." Ka nilitre mba hijano niarake tamiereo Jesosy.30Naho, laha fa nitoboke
mba hiarake hihina tamiereo Re, le nangalake ty mofo, nisaotre zay, vaho namaky zay, naho nagnomea zay iereo.
31Bakeo nivoha ty maso iereo, ka nahay Aze, naho nanjavo teo amaso iereo Re. 32Iereo nifampirehake ty hoe:"Feie
vao ty arofontika tsy tamintika ao, laha nirehake tamintika tene andala Re, laha namoha ty Soratre Masy
tamintika Re?"33Nitsanga iereo tamio lera ao, ka nihere tagne Jerosalema. Nahita reo raike ambifolo niara-nivory
iereo, vaho reo ze niarake tamiereo, 34nanao ty hoe:"Ty Tompo le nitsanga vatane, naho niseho tamy Simona." 35Ka
nirehafe iereo ze zaka niseho tegne andala, vaho ty fomba nisehoa Jesosy tamiereo tamity fanampaha ty mofo.
36Laha nirehake ze zaka zay iereo, le nitsanga teo agnivo iereo Jesosy vatane, naho nanao tamiereo ty
hoe:"Fiadagna anie hoanareo." 37Feie taitre vaho natahotre iereo, naho nidineke fa nahita fanahy.38Jesosy nanao
tamiereo ty hoe:"Nagnino nareo ro matahotre? Nagnino ro misy fagnotanea amponareo ao? 39Henteo ty tagnako
vaho ty tomboko, fa Zaho vataho toy. Kasiho Raho ka henteo. Fa ty fagnahy tsy mana nofo vaho taola, arake ty
ahita nareo Ahy ty hoe mana." 40Laha fa nirehake zay Re, le natorone tamiereo ty tagnane vaho ty tombone.
41Mboe tsy nino zay iereo naho ty hafalea, naho gaga iereo. Jesosy nirehake iereo ty hoe:"Mana zaka hohane vao
nareo?" 42Namea iereo fia natono re, 43ka nalaene zay naho nihanene tagnolao iereo eo.44Re nirehake tamiereo ty
hoe:" Tamizaho niarake taminareo, le nitalily taminareo fa iaby ze voasoratre tao amity lily Mosesy vaho reo
mpamisavisane naho reo Salamo le tsy mahanitsy ho lefe."45Naho sinokane ty say iereo, mba hoazo iereo ty
Soratre Masy. 46Nirehake iereo Re ty hoe:"Zao ro voasoratre, fa Kirisity le hijale, naho hitsanga amity mate
ndraike amity andro fahatelo. 47Fibebaha vaho famotoran-keloke ro tokone ho talilie amity agnarane agne amity
firene iaby, manomboke ao Jerosalema.48Nareo ro vavolombelo rey zaka rey. 49Ingo, halefako aminareo ze
nampagnategnae ty Raeko. Kanefa mitoboha antana ao mandram-pisikinareo ty here bakagne ambone."50Naho
Jesosy nitarike iereo mandram-pahavia iereo tagne Betania. Nakarene ty tagnane, naho nitahiene iereo. 51Naho,
laha fa nitso-drano iereo Re, le nienga iereo Re naho lasa niakatre tane andagnitse.52Le niantsa Aze iereo, naho
nihere tagne Jerosalema tamity hafaleam-bey. 53Nitohy nimbaeo amity tempoly iereo, nandaza an'Agnahare.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

# John

Chapter 1

[1]Tamy ty voalohane ty Tsara, vaho ty Tsara tao amy ty Andragnahare, vaho ty Tsara le Andragnahare. [2]Zay le tao
amy ty Andragnahare tamy ty voalohane. [3]Ty raraha iaby le Bak'Amine iaby, vaho laha tsy noho Reke le tsy nisy
na ino na ino.[4]Noho reke ro nisiam-piaigna, vaho io fiaigna io ro fahazava ty ndaty iaby. [5]Ty hazava le mamiratse
ao ampo ike, vaho ty ike tsy nandrese zay.[6]NIsy lehilahy raeke nirahy ty Andragnahare, Jaona ro agnarane. [7]avy
reke soa ho vavolombelo hagnambara ty mikasike ty fahzava, soa hatokia ty iaby amy ty alalane. [8]Tsy Jaona iaze
fahazava, te kea avy soa hagnambara ty mikasike iaze fahazava reke.[9]Ty fahazava to, ze magnome hazava ty
ndaty iaby, le avy eto amy zao tontolo zao.[10]Teto amy zao tontolo Rek, vaho Reke ro niharia ahy zao tontolo zao,
vaho zao tontolo zao tsy nahay Aze. [11]Avy tagne amy ty ndatine Reke, vaho ty ndatine tsy nandrambe Aze.[12] Te reo
maro nandrambe Aze, ze natoke ty agnarane, le nameine fahefa ho avy anagne ty andragnahare. [13]Reo le tsy
naterake tamy ty lio, na ty tea ty nofotse, na ty tea ty ndaty, te ty ahy ty Andragnahare.[14]Vaho ty Tsara avy nofotse
le nitoboke teo amintika. Hisanay ty hasine, hasy manahake iaze raeke naho toka ze avy bak'amy ty Rae, feno
fahasoava naho fahamarigna. [15]Jaona nitalily ty mikasike Aze le nikoike mafe, manao tihoe: "Reke iaze raeke ze fa
nitalilieko tihoe: 'Reke iaze avy afarako le bey noho zaho, satria taoloko Reke.'"[16]Te avy amy ty fahafenoane ro
nandrambesantika iaby fahasoava hagnampe fahasoava. [17]Te ty lalágna le nomeine tamy ty alala ndre Mosesy. Ty
fahasoava naho fahamarigna le avy tamy ty alala ndre Jesosy Kristy. [18]Tsy nisy nahisake ahy ty Andragnahare na
mbia na mbia. Te iaze Andragnahare rake naho toka, ze eo angnaragna iaze Baba, ro nampahafantatse Aze.[19]Vaho
zao ro fagnambara ndre Jaona lafa nagnirake reo mpisoro naho Levita bak'agne Jerosalema handeha eo amine
reo Jiosy soa hagnontane aze tihoe: "Ia moa riha?" [20]Nitsara mora reke, vaho tsy nandà, te namale tihoe: "Tsy
kristy raho." [21]Le nagnontane aze iareo tihoe: "Ino vaho riha zay? Elia vao riha?" Nitsara reke tihoe: "Riha vai iaze
mpitoke? "Namale reke tihoe: "Aha."[22]Bak'eo iareo nitsara taminen tihoe: "Ia riha, soa azahoanay magnome valin-
tsara ahy reo ze nagnirake anay? Ino ro hambaranao mikasike ty vatagnao?" [23]Nanao tihoe reke: "Zao iaze feo,
mikaike mafe agne amy ty tane tsy misy raraha tihoe: 'Ataovo mahity ty lala ty Tomppo,' arake ty voatalily Isaia
mpitoke."[24]Vahao nisy irake ilane bak'amy reo fariseo nalefa, [25]vaho nagnontane aze iareo le nitsara tamine tihoe:
"Nanao akore vaho riha ro manao batisa laha tsy Kristy riha ro tsy Elia ro tsy iaze mpitoke?"[26]Vaho Jaona namale
aiereo, manao tihoe: "Manao batisa amy ty rano raho, Te eo agnivonareo eo le misy ndaty raeke mitsanga ze tsy
hainareo. [27]Reke iaze raeke ze avy bak'ao afarako, ze tsy maeva ahike ty hamaha ty fehi-kapane." [28]reo zaka reo le
natao tagne Betania tagne andafy ndre Jordana, ze nanaova ndre Jaona batisa.[29]Ty hamaray Jaona nahiasake ahy
ndre Jesosy namonje aze vaho nitalily tihoe: "Vambao, ingo ty anak'aondry ty Andragnahare ze nagnafake ty
haratia zao tontolo zao! [30]Toy iaze raeke ze nitalilieko tihoe: 'Iaze raeke ze avy bak'afarako le bey noho raho,
sattria talohako Reke.' [31]Vaho raho tsy nahay Aze, te soa ho voataliliko amy ty Israely reke ro niaviako hanao
batisa amy ty rano.[32]Jaona nitalily, manao tihoe: "Nahisake ty Fagnahy nizotso bak'agne an-dagnitse, manahake ty
voromailala raho, vaho nitoboke teo ambonine zay. [33]Tsy nahay Aze raho, te Reke ze nagnirake ahike hanao
batisa amy ty rano nitalily tamiko tihoe: 'Eo mabone zay hisanao hizotso ty Fagnahy naho hitobohane eo amine.
reke iaze raeke ze manao batisa amy ty Fagnahy Masy.' [34]Sade nahisake raho ro nitalily re reke iaze Anagny ty
Andragnahare."[35]Ty hamaray, ndraeke, laha nitsanga niarake tamy ty roe amy reo mpianane Jaona, [36]le nahisake
ahy ndre Jesosy nandeha iareo, le nanao tihoe Jaona: "Heteo, iaze Anak'aondry ty Andragnahare!"[37]Nahajanje aze
nitsara reo mpianane roe le nagnarake ahy ndre Jesosy iare. [38]Bak'eo Jesosy nitolike le nahisake aiereo nagnarake
Aze le nitsara aiereo tihoe: "Ino ro mpaivinareo?" Namale iareo tihoe: "Raby (ze midika tihoe mpampianatse) aia
Riha ro mitoboke?" [39]Namale aze reo Reke tihoe: "Mamonjea vaho heteo." Vaho namonje iareo le nahisake ty toera
ze nitobohane; nitoboke niarake Tamine tao iareo tamy io andro io, te tokone fa ho lera fahafolo tamy zay.[40]Rake
tamy reo mpianatse roe nahajanje ahy ndre Jaona nitsara vaho nagnarake ahy ndre Jesosy bak'eo re Andrea,
rahalahy ndre Simona Petera. [41]Nipay ahy ndre Simona rahalahine aloha reke vaho nitalily tamine tihoe:
"Hisanay ty Mesia" (ze adika tihoe Kristy) [42]Nanday aze tagne amy ndre Jesosy reke, vaho nivamba aze Jesosy le
nisatra tihoe: "Riha le Simona ana ndre Jaona, riha le ho kaihe tihoe Kefasy" (Ze midika tihoe: Petera)[43]Ty
hamaray, laha te-hiala ho agne Galilia Jesosy, nahisake ahy ndre Filipo Reke vaho nitalily tamine tihoe:
"Magnaraha Ahike." [44]Filipo le bak'agne betsahida, tanà ahy ndre Andrea naho Petera. [45]Nahisake ahy ndre
Natanaela re Filipo le nitsara tamine tihoe: "Reke nisorata ndre Mosesy tao amy ty lalàgna, naho reo mpitoke,
hisanay Reke, le Jesosy ana ndre Josefa, bak'agne Nazareta."[46]Natanaele nitsara tamine tihoe: "Nao hisy zaka-soa
bak'ao Nazareta?" Filipo nitalily tamine tihoe: "Mamonjea vaho vambao." [47]Jesosy nahisake ahy ndre Natanaela
namonje ze vaho nitalily reo mikasikasike aze tihoe: "Vambao, zay ro vatane Israelita, ze tsy misy fitake ao
amine!" [48]Natanaela nitsara Tamine tihoe: "Taloha ty nikaiha ndre Filipo anao, laha teo ambane ty hetae aveave

riha, le hisako."49 Natanaela namale tihoe: "Raby, Riha iaze Ana ty Andragnahare! Riha ro mpanjaka ty Israely!"
50 Jesosy namle le nitsara tamine tihoe: "Satria vao Raho nitsara taminao tihoe: 'Nahisake anao teo ambane ty
hetae aveave Raho,' ro hinoanao? Hahisake raraha soa mihoatse noho zay riha." 51 Bak'eo Reke nitsara tihoe:
"Talilieko aminareo ty to, te hahisake ty lagnitse hivoha nareo, vaho reo anjele ty Andragnahare hiakatse naho
hizotse eo ambone ty Anagn'Ondate."

## Chapter 2

[1]Telo nadro taoy afara, le nisy fangalam-bale tao Kanà Galilia, vaho tao ty rene ndre Jesosy. [2]jesosy naho reo
mpianane le nitalilia tamy iaze fangalam-bale.[3]Lafa lane ty divay, le nitsara tamine ty rene ndre Jesosy tihoe: "Tsy
mana divay iareo." [4]Vaho nanao tihoe Jesosy tamine: rakemba, nanao akore riha ro mandeha atoy amiko?
Mboetsy avy ty fotoako." [5]Le nanao tihoe ty renine tamy reo mpiasa: "Na ino na ino taliliene aminareo, le ataovo
zay."[6]Vaho nisy vatavo vato ene teo ze fampiasa amy ty andro fisasa ty Jiosy, mahazaka roe hatramy ty telo
metatse iaby. [7]Nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Feni rano ty vatavo." le nifenoa iareo hatramy ty sognine zay. [8]lafa
bak'eo le nanao tihoe Reke tamy reo mpiasa: "Manoviza amy zay vaho andeso agne amy ty tompon'andraikitse ty
fikarakara." Le natao iareozay.[9]Nandrama ty tompon. andraikitse ty fikarakara iaze rano nanjare divay, feie tsy
nahay ze niavia zay reke (Te reo mpiasa ze nanovp ty rano kea nahay. Bak'eo le nikaike ty mpangalam-bale Reke
vaho[10] nitalily tamine tihoe: "Ty ndaty iaby le mandroso ty divay soa aloha zay vao ty divay maromaro lafa mamo
iareo. Te nareo kea nitahiry ty divay soa zisik'amy henane zao.[11]Zay ro famantara voalohane natao ndre Jesosy
tao Kanà agne Galilia, vaho naneho ty hasine Reke, le natoky Aze reo mpianane.[12]tafara ze nizotsoa ho agne
Kapernaome Jesosy, ty renine, reo rahalahine naho reo mpianane vaho nijano tao andro kelekele iareo.[13]vaho
lafa marine ty Paske ty Jiose, le niakatse tagne Jerosalema Jesosy. [14]Nahisake mpivarotse aombe, aondre vaho
voromailala tao an-tempoly Reke, vaho nitoboke tao avao kea reo mpanakalo drala.[15]Noho zay le nagnamboatse
karavasy reke le nandroake aze iaby hiboake ty tempole, na ty aondre na ty aombe. Nandrarake ty drala reo
mpanakalo ndrala Reke vaho nanonta ty latabats'iareo. [16]Le nanao tihoe Reke tamy reo mpivarotse voromailala:
"Andeso mibokae lavitse toy toera toy reo raraha reo. Ampe zay ty fanaova ty anjomban-dRaeko ho toeram-
pivarota."[17]Vaho tiaro reo mpianane te voasoratse tihoe: "Ty firehetako amy ty tragnonao ro handevo ahike."
[18]bak'eo namale reo lohandoha ty mpisoro Jiosy le nanao tamine tihoe: "Ino ro famantara ho asehonao anay,
mahaavy anao manao regne raraha regne?" [19]Jesosy namale tihoe: "Ravao toy tempole toy, te ho hatsangako
agnate ty telo andro avao zay."[20]Vaho nanao tihoe reo mpanapake Jiosy: "folo enegn'ambe tao ro nagnoregna toy
tempole toy, le riha vao hahatsanga aze eo agnate ty telo andro?" [21]Feie, mikasike ty tempole ty vatane ro
niresahanne. [22]tafara ty nitsanganane tamy ty mate, le tiaro reo mpianane te nitalily zay reke, vaho natoke ty
Soratse Masy naho zay tsara natalily ndre Jesosy zay iareo.[23]Vaho lafa tao Jerosalema Reke tamy ty andro
firavoravoa ty Paske, le maro ro nino ty agnarane lafa nahisake reo famantara ze nataone. [24]Te Jesosy kea tsy
nahatoke aiereo noho Reke nahay aze soa iaby, [25]satria tsy nipay na ia na ia hagnambara amy ty mikasike ty
ndaty Reke, noho Reke nahay ty ao ampo ty ndaty.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Vaho nisy Fariseo raeke kinaike tihoe Kikodemosy, mpitarike Jiosy. [2]namonje ahy ndre Jesosy tamy ty andro
halike io lehilahy io vaho nitsara tamine tihoe: "raby, hainay te mpampianatse ze bak'amy ty Andragnahare Riha,
satria tsy misy mahavita reo famantara atonao laha tsy miarake amy ty Andragnahare."[3]La namale aze Jesosy
nanao tihoe: "Atliliko aminareo ty to, le le ty to vatane, te laha tsy aterake ndraeke ty ndaty, le tsy hahisake ty
fanjaka ty Andragnahare reke." [4]Nikodemosy nitsara tamine tihoe: "Amy ty fomba manao akore ro hahaterake ty
ndaty raeke laha fa antitse reke? tsy afake hizilike fagnindroene ao an-kibon-drenine reke vaho hateraka, sa vao
afake?"[5]Namale Jesosy tihoe: Ataliliko aminao ty to, le to vatane, te laha tsy naterake tamy ty rano naho ty
fagnahy ty anagn'ondaty, le tsy afake hizilike ao amy ty fanajak ty Andragnahare reke. [6]Ze aterake ty nofotse le
nofotse, vaho ze ateraky ty Fagnahy le fagnahy.[7]Ko vere amy ze nitalilieko anao tihoe: 'Tsy maintse haterake
ndraeke nareo.' [8]Ty tioke mitioke na ia na ia irine; henonao ty feone, te tsy hainao ze niaviane na ze alehane.
Manahake zay iaby ze aterake ty Fagnahy."[9]Namale NIkodemosy le nitsara tamine tihoe: "Ahoana ty fomba
hahatanteraha zat raraha zay?" [10]Jesosy namale le nitsara tamine tihoe: "Mpampianatse ahy Israely vao riha, le
mboe tsy azonao avao zane raraha zay? [11]Talilieko aminao, marine, le marine vatane, te ze hainay ro tsarainay,
vaho zahay magnambara ty mikasike ze hisanay. Feie mboe tsy manaike ty fagnambaranay nareo.[12]Laha
nagnambara taminareo ty raraha iaby tetoy an-tane Raho feie tsy hinoanareo, amy ty fomba manao akore ro
hinoanareo Ahike laha hitantara aminreo ty zaka-misy agne an-dagnitse Raho? [13]Tsy nisy niakatse agne an-
dagnitse ankoatse Iaze nizotso bak'agne, le Iaze angn'Ondaty zay.[14]Vaho manahake ty nanondrota ndre MOsesy ty
bibilava tagne amy ty tane tsy misy raraha, ro tsy maintse hanondrota ty Anagn'Ondaty, [15]soa hana fiaigna
zisikam-parane ze matoky Aze iaby.[16]Te vatane tea ty Andragnahare zao tontolo zao, le nomeine ty anandahine
toka, soa tsy ho vere ze matoky AZe iaby te hana ty fiaigna zisikam-parane. [17]Te Andragnahare tsy nagnirake iaze
Anandahy ho amy zao tontolo zao hagnameloke zao tontolo zao, te soa hanarombake zao tontolo zao amy ty
alalane. [18]Ze mino Aze le helofa, te ze tsy mino kea le fa voaheloke satria tsy nino ty agnara iaze Anandahy raeke
naho toka ty Andragnahare.[19]Zao ro anto ty fitsarà: avy teto amy zao tontolo zao ty fahazava, feie le naleo ty
ondaty ty ike toy zay ty mazava satria rate reo asa nataone. [20]Te ze iaby manao rate le malay ty mazava vaho tsy
mamonje zay sosa tsy ho hisake mibaribary reo asane. [21]Feie, ze manao ty to le mamonje ty mazava soa ho hisake
soa te reo asane le natao arake ty Andragnahare."[22]Tafara zay, le nandeha tagne Jodia naho reo mpianane.
Nitoboke fotoa kele tao niarake tamy iareo Reke vaho nanao batisa. [23]Vaho Jaona kea nanao batisa tagne Ainona
marinike ahy ndre Saleima satria maro ty rano tagne. Namonje aze ty vahoake vaho natao batisa, [24]te tsy mboe
nalefa agne an-tragno maike Jaona.[25]Bak'eo nisy fifamalea tamy ty ilane amy reo mpianatse ndre Jaona naho Jiosy
raeke mikasike ty andro fisasa. [26]Namonje ahy ndre Jaona iareo le nitsara tamine tihoe: "Raby, Iaze raeke niarake
taminao tagne ampita ty vavarano ndre Jordana, ze nitalilienao, ingo, manao batisa reke, vaho mamonje aze iaby
iareo."[27]Vaho Jaona namale tihoe: "Tsy afake mandrambe na ino na ino ty ndaty raeke laha tsy nomea aze
bak'agne an-dagnitse zay. [28]Nareo avao le afake ty vavolombelo amy ty nataliliko tihoe: 'Tsy iaze Kristy raho,' te
kea: 'Nirahy talohane.'[29]Ty ala vale le ahy ty mpangalake. Vaho ty ragnitse ty mpangalake, ze mitsanga naho
mijanje aze, le mifale loatse noho ty amy ty fahenoa ty feo ty mpangalake. Zayu, vaho, ro mameno ty hafaleako.
[30]Tsy maintse mitombo Reke, te raho kea tsy maintse mihena.[31]Reke ze bak'agne ambone le ambone ty zaka iaby.
Reke ze bak'etoy an-tane le bak'eto an-tane vaho mitsara mikassiske ty eto an-tane. Ze bak'agne an-dagnitse le
ambone ty zaka iaby. [32]Reke le mitalily ty mikasike ze hisane naho henone, feie le tsy misy mandrambe ty
fagnambarane. [33]Ze nandrambe ty fagnamabarane kea le nanamafe te to Andragnahare.[34]Te iaze raeke nirahy ty
Andragnahare le mitalily ty tsara ty Andragnahare. Satria tsy nasiane fetra ty fagnomeza ty Fagnahy. [35]Ty Baba
tea iaze anandahy vaho nametrake ty zaka-iaby teo ampelan-tagnane. [36]Ze mino iaze anandahy le mana ty fiaigna
zisikam-parane, te ze tsy magnina iaze anandahy kea le tsy hahisake fiaigna, te hitoboho ty heloke ty
Andragnahare."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Vaho lafa hay ndre Jesosy tihoe heno reo Fariseo te nahazo naho nanao batisa mpianatse maro noho Jaona
Reke[2](na tsy Jesosy vatane kea ro nanao batisa, te reo mpianane), [3]le niala tao Jodia Reke vaho nimpoly agne
Galilia ndraeke.[4]Te mpaiavine ty mamakevake ahy ndre Samaria. [5]Le avy tao amy ty tanà raeke ao Samaria Reke,
kinaike tihoe Sykara, marinike iaze ampahan-tane ze nomea ndre Jakoba ahy ndre Josefa Zanane.[6]Teo iaze
fatsaka ndre Jakoba. Nahatiaro valake tamy ty liane Jesosy le nitoboke teo amy iaze fatsaka. Tokone teo amy ty
lera fahaene teo. [7]Nisy ampela samaritana raeke avy hatsaka rano, le nanao tihoe Jesosy tamine: "Omeo rano
Raho hinomeko." [8]Te reo mpianane fa lasa agne an-tanà soa hivily hane.[9]Bak'eo nanao tihoe iaze samaritana
tamine: "Nanao akore riha, ze Jiosy, ro mangatake amiko, zay ampela samarita, rano hinome?" Te reo jiosy tsy
misy hifandraisa amy ty Samaritana. [10]Te Jesosy namale le nanao tamine tihoe: "Laha hainao ty fagnomeza ty
Andragnahare, naho ze mitsar aminao tihoe: 'Omeo raho hinomeko,' le riha ndraeke ro ho nangatake tamine, le
omeine rano velo."[11]Nanao tihoe iaze ampela tamine: "Tompoko, Riha le tsy mana fioly vaho ty fatsaka lalike. Kea
aia ro hahazoanao rano velo? [12]Riha le tsy bey, noho Jakoba razambeintika, ze nagnome anay ty fatsaka naho
nino tamy zay ty vatane, manahake ty natao reo anane naho reo bibine?"[13]Jesosy namale le nanao tamine tihoe:
"Ze iaby nino amy toy rano toy le mboe harandrano ndraeke, [14]te na ia na ia mino amy ty rano ze homeiko aze le
tsy marandrano zisikam-parane. Te kea, ty rano ze homeiko aze le ho avy loharano terake ao ampone ze manday
agne amy ty fiaigna zisikam-parane."[15]Nanao tihoe ty ampela tamine: "Tompoko, omeo zay rano zay raho soa tsy
harandrano naho ho avy hatsaka eto sase." [16]Nanao tihoe Jesosy tamy ty ampela: "Mandena, kaiho ty valinao, le
mimpolia atoy."[17]Namale iaze ampela le nitsara tamine tihoe: "Tsy manabale raho." Namale Jesosy tihoe: "To ty
voatalilinao tihoe: 'Tsy manambale raho,' [18]te fa nanambale indimy riha, vaho iaze raeke ze hitobohanao amy
henane zao le tsy mboe valenao. to ze voatalilinao."[19]Nanao thoe ampela tamine: "Tompoko isako te mpitoke Riha.
[20]Reo razantika nivavake teto amy toy vohitse toy, feie nareo maganambara te Jerosalema ro toera tokone
hivavaha ty ndaty."[21]Nanao tihoe Jesosy tamine: "Minoa Ahike, ampela, te ho avy ty andro ze hiantsanareo ty
Baba le naho tsy amy toy vohitse toy ro tsy agne Jerosalema. [22]Te nareo mihohoke amy ze tsy hainareo. Zahay kea
mihohoke amy ze hainay, satria ty famonjea le bak'amy reo Jiosy.[23]Feie, ho avy ty andro, vaho avy amy henane
zao, lafa hiantsa ty Baba amy ty fagnahy naho fahamarigna reo tena mpivavake, satria ty Baba le mipay ndaty
manahake zay ho mpiantsa Aze. [24]Andragnahare le Fagnahy, vaho ty ndaty ze miantsa Aze le tsy maintse miantsa
amy ty fagnahy naho fahamarigna."[25]Nanao iaze ampela tamine tihoe: "Haintso te ho avy ty Mesia (iaze kaihe
tihoe Kristy). Vaho lafa avy Reke, le hagnazava amintika ty raraha iabby." [26]Nanao tihoe Jesosy tamine: "Raho ze
mitsara aminao, ro Ie."[27]Tamy zay andro zay le nimpoly reo mpianane, Vaho nagnontane tegna iareo tihoe nanao
akore Reke ro mitsara amy ty ampela, te tsy nisy nitsara tihoe: "Ino ro mpaiavinao?" na tihoe: "Nanao akore Riha
ro mitsara amine?"[28]Noho zay le nagnenga ty vatavone ty ampela, le nandeha nimpole tagne an-tanà, vaho
nitalily tamy ty ndaty tihoe: [29]"Handeha, hivamba iaze lehilahy ze nitalily ty vitako iaby. tsy ho Kristy zay. sa vao
Reke?" [30]Le niala teo an-tanà iareo le nandeha eo Amine.[31]Agnate zay, nampirisike Aze reo mpianatse, manao
tihoe: "Raby, mitava." [32]Te nanao tihoe Reke tamy iareo: "Raho le mana hanen-ko hane ze tsy hainareo." [33]Le
nifampitsara reo mpianatse tihoe: "Tsy nisy ndaty nanday raraha ho hane ho Aze, sa vao nisy?"[34]Nanao tihoe
Jesosy tamy iareo tihoe: "Ty mahatanjako le ty manao ty tea Iaze nagnirake Ahike vaho manao ty asane. [35]Moa
Riha tsy mitalily tihoe: "efa-bola sisa le ho avy ty asara?' talilieko aminareo, hamagneteo ty masonareo le vambao
ty egne am-baibo, te fa masake vaho hombota reo! [36]Ze magnombotse le mandrambe karama naho mamore
vokatse ho amy ty fiaigna zisikam-parane, le hiarake hifale ty mpitongy naho ty mpagnombotse.[37]Te amy zay le to
iaze tsara manao tihoe: 'Ty raeke mitonge, vaho ty raeke kea magnombotse,' [38]Nagnirake anareo hagnombotse ze
tsy nanahira anareo Raho. Reo hafa ro nisahira, vaho nareo ro nizilike teo amy ze nisahiragnane."[39]Maro tamy
reo samaritana tao amy zay tanà zay ro natoky Aze noho ty tatitsy iaze ampela ze magnambara tihoe: "NItaliliene
tamiko iaby ze nataoko." [40]Lafa namonnje Aze reo samaritana, le nagantake Aze soa hijano hiarake amy iareo, le
nijano tao roe andro Reke.[41]maro hafa ro natoky noho ty tsarane. [42]Nanao tihoe iareo tamy ampalay: "Tsy noho ze
voatalilinao zase ro hatokianay, te zahay ro fa nahajanje, vaho hainay te Reke vatane ro iaze Mpamonje ahy zao
tontolo zao."[43]Tafara reo roa andro reo, le niala bak'ao Reke nandeha agne Galilia. [44]Te Jesosy ro nagnamabara te
ty mpitoke le tsy misy dikane ao amy ty tanine arere. [45]lafa avy tao Galilia Reke, le nandrambe Aze reo Galiliana,
Iareo le nahisake ty raraha iaby ze nanoene tao Jerosalema tamy ty andro firavoravoa, satria nandeha tagne amy
ty andro firavoravoa avao kea iareo.[46]Vaho avy tao Kana ao Galilia ndraeke Reke, zay toera nampiovane ty rano
ho divay. NIsy tandapa raeke ze nana anandahy marare tao Kapernamy. [47]Lafa henone te bak'agne Jodia ho agne
Galilia Jesosy, le nandeha ei amy ndre Jesosy reke vaho nangatake tamine soa hizotso vaho hagnafake ty
anandahine, ze fa ho mate.[48]Bak'eo Jesosy nitalily tamine tihoe: "Laha tsy mahisake famantara naho fahaveregna

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nareo, tsy hatoky zao." [49]Nanao tihoe iaze tandapa tamine: "Tompoko, anako." [50]Nanao tihoe Jesosy tamine:
"Mandena. Velo ty anagnao." Natoky ty tsara ze nitalily ndre Jesosy tamine iaze lehilahy, le lasa reke.[51]Laha igny
reke nizotso igny, le nanalaka aze reo mpiasane, nitalily te velo ty anane. [52]Le nagnontane aiereo ty lera ze
nahafane sreke. Namale aze iareo tihoe: "Omale tamy ty lera fahafito ro niala ty tazo tamine."[53]hay iaze rae bak'eo
te amy io lera io ro nitalilia ndre Jesosy aze tihoe: "Velo ty anagnao." Le natoky ty vatagne naho reo
hasaveragnane iaby,. [54]Zay ri famantara faharoe natao ndre Jesosy laha Reke niala tao Jodia agne Galilia.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Tafara zay le nisy firavoravoa ty Jiosy, vaho niakatse ho agne Jerosalema Jesosy. [2]vaho Tagne Jerosalema eo
agnila ty vavahady ty aondre, le nisy sihanake, ze kinaike tamy ty Hebreo tihoe Betesda, vaho misy fialofa lime
zay. [3]Maro reo ndaty marare, goa, maleme, na tsy afake mihetsike natore teo. (fagnamariha: Ty kombognan-
taratasy taloha soa loatse le mangalake ty fehezantene tihoe: "Miambe ty fihetseha ty rano") [4](fagnamariha: Ty
kombognan-taratasy taloha soa loatse le mangalake ty and. 4 tihoe: "Te nisy anjely ty Tompo raeke nizotso le
nampihetsik ty rano sedrasedra vaho na ia na ia nandroso nandeha aoa laha nihetsike ty rano le afake tamy reo
arete ze namparare aze na ino na ino.")[5]Vaho nisy lehilahy raeke teo ze fa narary valo ambe telo-polo tao. [6]lafa
hisa ndre Jesosy nandre teo re, naho tafara ty nahatsapane te fa an-taone maro re teo, le nanao tihoe Reke
tamine: "Te-ho afake vao riha?"[7]namale iaze lehilahy marare tihoe: "Tompoko, tsy mana na ia na ia raho
hampinjo ahike ao ampo sihanake lafa mandeha raho, le misy misisike eo aoloko." [8]Nanao tihoe Jesosy tamine:
"Mitsangàna, andeso ty fandreanao, le mandena[9]Avy hatragne le afake iaze lehilahy, le nirambesine ty fandreane
le nandeha re. Vaho Sabata zay andro zay[10]Le nanao tihoe reo Jiosy tamy iaze afake: "Sabata ty andro le tsy
mahazo manday ty fandreanao riha." [11]Namale re tihoe: "Iaze nagnafake ahike ro nitsara tamiko tihoe: 'Andeso ty
fandreanao le mandena.'"[12]Vaho nagnotanaze iareo tihoe: "Ia iaze lehilahy nitsara taminao tihoe: 'Andeso ty
fandreanoa le mandena'?" [13]Feie, iaze afake tsy nahay Aze satria niala moramora Jesosy te nisy vahoake teo an-
toera.[14]Lafa bak'eo, hisa ndre Jesosy tao an-tempoly re le nanao tihoe Re tamine: "Ingo, afake riha! Ko manao rate
sase, soa tsy hiseho aminao ty raraha rate noho ty teo." [15]bak'eo le lasa lehilahy igne le nitatitse tamy reo Jiosy te
Jesosy ro nagnafake aze.[16]Vaho noho reo raraha reo le nagnenjeke ahy ndre Jesosy reo Jiosy, satria nanao reo
raraha reo tamy ty andro Sabata Re. [17]vaho namale aiereo Jesosy tihoe: "Ty babako le miasa egne te na amy
henane zao kea, vaho Raho, avao kea, le miasa." [18]Noho zay, le vao maike nipay hamono Aze reo JIosy tsy noho ty
tsy fagnisiane dikane try Sabata avao, te ty nikaihane ahy ty Andragnahare avao kea tihoe Babane arere, manao
ty vatagne ho mitovy amy ty Andragnahare.[19]Vaho Jesosy namale aiereo tihoe: "Talilieko aminareo ty to, le to
vatane, te ty Anake le tsy afake manao na ino na ino ho Aze, ankoatse ze hisane atao ty Baba avao, te na ino na
ino atoa ty baba, le atao ty Anake avao kea reo raraha reo.[20]Te ty Baba ty Anake le nampiseho aze ty raraha iaby
ze natao ty vatagne, vaho hampiseho aze zaka bey mihoatse noho reo Reke soa ho vere nareo.[21]Te manahake ty
Baba mampitsanga ty mate, le manahake zay avao kea ro ameloma ty Anake ze teane[22]Te ty Baba le tsy mitsara
na ia na ia, te nomeine ty Anake ty fitsara iaby [23]soa hiasy ty Anake iaby manahake ty hiasia iareo ty Baba. Ze tsy
miasy ty Anake tsy miasy iaze Baba nagnirake Aze.[24]Atalíliko aminareo ty to, le to vatane, te zay maheno ty
tsarako naho matoky ze nagnirake Ahike le mana ty fiaigna zisikam-parane le tsy ho helofa, te niala tamy ty
fahafatesa ho amy ty fiaigna reke.[25]Talilieko aminareo ty to le to vatagne, te avy ty lera, vaho avy zay amy
henanezao, lafa hahajanje ty feo ty Anak'Andragnahare ty mate, vaho ho velo reo ze mahajanje.[26]Te manahake ty
Baba mana fiaigna ao Amine, ro nagnomeza ty anake avao kea soa hanagnane fiaigna ao Amine, [27]vaho nomea ty
Baba fahefa hitsara ty Anake noho Reke Anagn'Ondaty.[28]Ko vere amy zay, te avy ty andro hahajanjigna ty ndaty
iaby agne am-balavato ty feone [29]le hiboake: reo ze nanao ty soa le ho agne amy ty fitsangana ho amy ty fiaigna, te
reo ze nanao rate kea le ho agne amy ty fitsangana ho amy ty fitsara.[30]Tsy afake manao na ino na ino laha Raho
avao. Arake ze janjiko, ro itsarako, vaho ty fitsarako le to satria tsy mipay ty teako arere raho te ty tea Reke ze
nagnirake Ahike. [31]Laha tokone hitalily ty mikaisike ty vatako Raho, le tsy to ty fitaliliako. [32]Misy raeke hafa ze
mitalily ty mikasike Ahike, vaho haintso te to ty fitaliliane ze taliliene mikasike Ahike.[33]Nirahine tagne amy ndre
Jaona nareo, vaho nagnambara ty to reke. [34]Feie ty fagnambara ze rambesiko le tsy bak'amy ty ndaty. Mitalily zay
raraha zay Raho soa mete ho voasarombake nareo. [35]Jaona le jiro nirehitse naho nagnazava, vaho nareo nagniry
ty hifale tsielatsiela tao amy ty fahzavane.[36]Feie ty fagnambarako le mboe bey noho ty ahy ndre Jaona, te reo asa
nomea ty baba ho tanterahiko, reo asa ze anoeko reo, ro magnambara ty mikasike Ahike te nirahy Baba Raho.
[37]Ty baba Ze nagnirake Ahike avao ro nagnambara Ahike. Tsy mboe nahajanje ty feone na nahisake ty vatane
nareo. [38]Vaho ty tsarane tsy mitoetse ao amponareo, satria tsy mino iaze nirahine nareo.[39]Mipay ty Soratse Mase
nareo satria dihinareo te ao amy reo ro anagnanareo fiaigna zisikam-parane, vaho reo Soratse Masy reo avao ro
mitalily mikasike Ahike, [40]feie tsy vonogne ty hamonje Ahike nareo soa hanagnanareo fiaigna.[41]Tsy mandrambe
laza bak'amy ty ndaty Raho, [42]satria haintso te tsy misy fitiava ahy ty Andragnahare ao aminareo.[43]Avy amy ty
agnara ty Babako Raho, feie tsy rambesinareo. Laha misy hafa avy amy ty agnarane arere, le ho raesenareo reke.
[44]Nanao akore ro hinoanareo, nareo ze mandrambe ty laza ze bak'amy ty Andragnahare toka?[45]Ko misafiry tihoe
Raho ro hita anareo agnatreha ty Baba. Iaze raeke mitanjake anareo le Mosesy, ze nametrahanareo ty
fanantegnanareo. [46]laha natoky ahy ndre Mosesy nareo le tokone hatoky Ahike, satria nanoratse ty mikasike
Ahike re. [47]laha tsy mino reo nisoratane nareo, le ataonareo nanao akore ro hatoke ty tsarako?


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

[1]Tafara reo raraha reo, le lasa niampita ty ranomasy ndre Galilia Jesosy, kinaike avao kea tihoe ranomasy ndre
Tiberiay. [2]Nisy vahoake maro nagnarake Aze satria hisa iareo ty famantara ze nataone tamy reo narare. [3]Niakatse
ambone vohitse Jesosy vaho nitoboke tegne niarake tamy reo mpianane Reke.[4](Vaho ty Paske, iaze andro
firavoravoa ty Jiosy, le fa marine.) [5]Lafa nivamba ambone Jesosy le nahisake vahoake maro namonje Aze, le
nanao tihoe Reke tamy ndre Filipo tihoe: "Aia ro hiviliantika mofo soa hazahoa iareo mitava?" [6](Te Jesosy nitsara
fa haine ze ho anoene.)[7]Vaho Filipo namale Aze tihoe: "Na le mofo roanjato denaria tsy ho ampe ho ahy ty
kiraikiraike na kele iaby." [8]Raeke tamy reo mpianatse, Andrea, rahalahine ndre Simona Petera, nitalily tamy ndre
Jesosy tihoe: [9]"Misy lehilahy raeke eto mana mofo lime naho fia roe, te ino reo magnoloa reto ndaty maro?"[10]Vaho
Jesosy nitalily tihoe: "Ampitoboho ty ndaty" (Vaho feno akata teo amy iaze toera.) Le nitoboke reo ndaty, teo amy
ty dimy arivo teo ty isakine. [11]Vab'eo Jesosy nangalake reo mofo lafa baka nisaotse, le nizara zay tamy reo
nitoboke teo. Manahake zay avao kea ro nataone tamy ty fia, maro arake ze nipaiavy iareo. [12]Lafa voke ty ndaty, le
nanao tihoe Reke tamy reo mpianane tihoe: "Avori reo sombentsombine tavela, soa tsy hisy ho vere."[13]Le navory
iareo zay le nahafeno vaha folo roa amby ty sombentsombine mofo lime sisa napo iareo nihina. [14]Bak'eo, lafa
nahisake zay famantara nataone zay ty ndaty, le nanao tihoe iareo: "Toy vatane iazy mpitoke ze avy ho etoy amy
zao tontolo zao." [15]Lafa hisa ndre Jesosy te ho avy iareo hangalake Aze naho hanondrotse Aze an-kere ho
mpanjaka, le nimpoly tegne ambone vohitse arere ndraeke Re.[16]Lafa hariva ty andro, le nizotso tegne amy ty
ranomasy reo mpianane. [17]Nandeha ao ampo sambokele iareo le niampita ty ranomasy ho agne Kapernaome. te
maike tamy zay, vaho Jesosy mboe tsy avy teo amy iareo avao. [18]Nisy tioke nitioke mafe, vaho niha-nahere ty
ranomasy.[19]Lafa nive teo amy ty roapolo lime ambe na telopolo kilometatse teo iareo, le nahisake ahy ndre Jesosy
nandeha teo amy ty ranomasy vaho nihanarine ty sambokelem le natahotse iareo. [20]Te nanao tihoe Reke tamy
iareo; "Raho avao toy! Ko matahotse." [21]Bak'eo le vonogne ty handray Aze tao amy iazew sambokele iareo, vaho
teo no eo le avy tegne amy iaze toera andehana iareo iaze sambokele.[22]Ty hamaray, hisa reo vahoake ze nitsanga
tegne ampita ty ranomasy te tsy nisy sambokele hafa teo ankoatsy iaze raike avao, vaho Jesosy tsy nijo tao
niarake tamy reo mpianane te nandeha arere reo mpianane. [23]Feie, nisy sambokele maromaro bak'agne Tiberiasy
teo agnila iaze toera ze nihina iareo ty mofo lafa baka nisaotse ty Tompo.[24]Lafa hisa ty vahoake te tsy teo na
Jesosy na reo mpianane, le nizilike tao ampo sambokele iareo vaho nandeha egne Kapernaomy hipay ahy ndre
Jesosy. [25]lafa hisa iareo tegne ampita ty vavarano Reke, le nanao tihoe iareo tamine: "Raby, Ombia Riha ro niavy
tetoa?"[26]Jesosy namale aiereo, nanao tihoe: " Ataliliko aminareo ty to, le vatane to, te mipay Ahike nareo, tsy noho
ty nahisahanareo famantara, te noho ty nihinanareo ty mofo le voke. [27]Ko miasa ho ahy ty hane mete ho rava, te
miasà ho ahy ty hane ze maharitse ho ty fiaigna zisikam-parane ze homea ty Anagn'Ondaty anareo, satria
Andragnahare Rae ro nagnisy tombo-kase tamine."[28]Bak'eo le nanao tihoe iareo tamine: "Ino ro tsy maintse
hataonay, soa hanaovanay reo asa ty Andragnahare?" [29]Jesosy namale le nanao tamy iareo tihoe: "Zao ro asa ty
Andragnahare: le ty hatokianareo iaze rake ze nirahine."[30]Le nanao tihoe iareo tamine: "Ino vaho ro famantara
hanoenao, soa hahisahanay naho hatokianay anao? Ino ro ho anoenao? [31]Ty dadabeinay nihina ty mana tagne
amy ty tane tsy misy raraha, arake ty voasoratse tihoe: 'Nomeine mofo bak'agne an-dagnitse iareo
hoane.'"[32]Bak'eo Jesosy namal aiereo tihoe: "Ataliliko aminareo ty to, le to vatagne, te tsy Mosesy ro nagnome
anareo ty mofo bak'agne an-dagnitse, te ty Babako ro magnome anareo ty tena mofo bak'agne an-dagnitse.
[33]Satria ty mofo ty Andragnahare le iaze mizotso bak'agne an-dagnitse le magnome fiaigna ho ahy zao tontolo
zao." [34]Le nanao tihoe iareo tamine: "Tompoko, omeo anay san'andro zay mofo zay."[35]Le nanao tihoe Jesosy tamy
iareo: "Raho ro mofo ty fiaigna; ze mamonje Ahike tsy ho kere sase, vaho ze mino Ahike tsy harandrano sase.
[36]Feie fa nitaliliko taminareo te nahisake Ahike avap nareo, feie tsy matoky. [37]Ty iaby ze ome ty Babako Ahike le
hamonje Ahike, vaho ze mamonje Ahike le tsy ho ariako.[38]Te nizotso bak'agne an-dagnitse Raho, tsy hanao ty
teako arere, te ty tea Reke ze nagnirake Ahike. [39]Vaho zao ro tea Reke ze nagnirake Ahike, te hanangana aiereo
amy ty andro farane. [40]Satria zao ro tea ty Babako, le ty hahazoa ty iaby ze mahisake ty Anake naho matoke Aze ty
fiaigna zisikam-parane vaho hatsangako amy ty andro farane reke.[41]Bak'eo nimoemoe mikasike Aze reo Jiosy
satria Reke nitalily tihoe: "Raho ro mofo nizotso bak'agne an-dagnitse." [42]Vaho nanao tihoe iareo: "Tsy iaze Jesosy
ana ndre Josefa vao io, zay haintika ty ray aman-drenine? Nanao akore vaho ro italiliane tihoe: 'Nizotso bak'agne
an-dagnitse Raho?'"[43]Jesosy namale le nanao tihoe tamy iareo: "Ajanagno ty fimoemoe eo agnivonareo. [44]tsy nisy
ndaty afake mamonje Ahike laha tsy ty baba ze nagnirake Ahike ro mitao aze, vaho hatsangako reke amy ty
andro farane. [45]Zay le voasoratse ao amy ty boky ty mpitoky tihoe: 'Hampianare ty Andragnahare iareo iaby.' Ze
iaby nahajanje naho nianatse tamy ty Baba ro mamonje Ahike.[46]Tys nisy nahisake ty Baba, ankoatsy ze bak'amy
ty Andragnahare, reke ro nahisake ty Baba. [47]Ataliliko aminareo ty to, le to vatagne, te ze mino ro mana fiaigna


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

zisikam-parane.[48]Raho ro mofo ty fiaigna. [49]Ty dadabeinareo nihina ty mana tagne amy ty tane tsy misy raraha,
vaho mate iareo.[50]Toy ro mofo nizotso bak'agne an-dagnitse, soa tsy ho mate ze mihina amy zay. [51]Raho ro mofo
velo nizotso bak'agne an-dagnitse. Laha misy ndaty mihina amy toy mofo toy, le ho velo zisikam-parane reke. Ty
mofo ze homeiko ro nofoko ho ahy ty fiaigna ty zao tontolo zao."[52]Niha-nasiake reo Jiosy le nanomboke nialy
hevitse, nanao tihoe: "Nanao akore ro azahoa io lehilahy io magnome antika ty nofone hohane?" Vaho nanao
tihoe Jesosy tamy iareo: [53]" Talilieko aminareo ty to, le to vatagne, te laha tsy mihina ty nofo ty Anagn'Ondaty
narei naho mino ty lione, le tsy hana fiaigna ao aminareo.[54]Na ia na ia mihina ty nofotsiko naho mino ty lioko le
mana fiaigna zisikam-parane, vaho hatsangako reke amy ty andro farane. [55]Te ty nofotsiko ro vatagne fihina,
vaho ty lioko ro vatagne finome. [56]Ze mihina ty nofotsiko naho mino ty lioko ro mitoetse ao Amiko, vaho Raho ao
amine.[57]Manahake ty nagniraha ty Baba velo Ahike, naho manahake ty hivelomako noho ty Baba, zi mihina
Ahike, le ho velo avao kea noho ty Amiko. [58]Toy iaze mofo nizotso bak'agne an-dagnitse, tsy manahake ty dadabey
nihina le mate. Ze mihina toy mofo toy le ho velo zisikam-parane." [59]Te Jesosy nitalily reo raraha reo tao amy ty
Synagoga lafa nampianatse tao Kapernaomy Reke.[60]Vaho maro tamy reo mpianane ze naheno zay ro nitalily
tihoe: "Fampianara sarotse zay; ia ro afake agnina zay?" [61]Jesosy, noho Reke naha tao amine te nimoemoe tamy
zay reo mpianane, nitalily aiereo tihoe: "Mandavo anareo vao zay?[62]Ke nanao akore laha tokone hahisake ty
Anagn'Ondaty miakatse agne amy ty nitoerane taloha nareo? [63]Ty fagnahy ro magnome fiaigna; ty nofotse tsy
ahazahoa na ino na ino. Reo tsara ze nitalilieko taminareo le fagnahy, vaho fiaigna reo.[64]Mboe misy ilane
aminareo tsy matoky." Te Jesosy fa nahay bak'amy ty voalohane ze tsy hatoke naho ze hamalike Aze. [65]Nanao
tihoe Reke: "Noho zay ro nitaliliako taminareo te tsy misy ndaty afake mamonje Ahike laha tsy nomey ty Baba
Aze zay."[66]Noho zay, maro tamy reo mpianane ro lasa tys niarake kia tamine sase. [67]Le nanao tihoe Jesosy tamy
reo folo roa ambe: "Tsy te-handeha kea vao nareo, sa tsia?" [68]Vaho Simona Petera namale Aze tihoe: "Tompo, ho
agne amin'ia moa zahay? Riha ro amana ty tsara ty fiaiagna zisikam-parane, [69]vaho natoke zahay le mamonje soa
hahay te Riha ro iaze Masy ty Andragnahare."[70]Nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Tsy Raho vao ro nifily anareo, folo
roa ambe, vaho ty raeke aminareo le devole?" [71]Vaho Jodasy ana dre Simona Iskariota ro tsaraine, satria reke, iaze
raeke amy iareo folo roa ambe, ze hamalike ahy ndre Jesosy

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 7

[1]Tafara reo raraha reo Jesosy le nandeha tagne Galilia, te tsy te-ho agne Jodia anefa Reke noho reo Jiosy mipay
hamono Aze. [2]Vaho fa marine ty andro firavoravoa ty Jiosy ty Tabernakele.[3]Noho zay reo rahalahine nitsara
tamine tihoe: "Mindrisoa amy toy toera toy vaho mandena agne Jodia, soa hafaha reo mpiatsinao mahisake reo
asa ataonao avao kea. [4]Tsy misy ndaty manao rarah mivone zay laha reke vatagne vaho te-ho hay ampahibemaso.
Laha manao reo raraha reo riha, le mimboaha amy zao tontolo zao."[5]Te na reo rahalahine kea tsy natoky Aze.
[6]Noho zay Jesosy nitsara aiereo tihoe: "Mbe tsy avy ty fotoako, te ty fotoanareo kea le vonogne lalandava. [7]Tsy
afake ty halay anareo zao tontolo zao, te Raho ro henjine satria mitalily te rate reo asane.[8]Nareo miakara agne
amy ty firavoravoa; te Rahi kea tsy handeha amy zay satria tsy mboe avy ty androko." [9]Tafara ty nitsarane rep
zaka reo aiereo, le nijano tao Galilia Reke.[10]Te lafa niakatse tagne amy ty firavoravoa reo rahalahine, le niakatse
tagne avao kea Reke bak'eo, tsy niboaboake te nivone. [11]Nipay aze tagne amy ty firavoravoa reo Jiosy vaho nitsar
tihoe: "Aia Reke?"[12]Nisy rahaky maro mikasike Aze teo agnivo reo vahoake. ty ilane mitalily te: "Lehilahy soa
Reke." Reo hafa mitsara tihoe "Aha, mitarikew ty vahoake agne amy ty fahavereza Reke." [13]Vaho tsy nisy nahasake
nitsara ampahibemaso mikasike Aze noho ty fatahora reo Jiosy.[14]lafa nisasake ty firavoravoa, le niakatse tagne
amy ty Tempoly Jesosy vaho nanombone nampianatse. [15]bak'eo le vere reo Jiosy, manao tihoe: "Nanao akore ro
hahaiza io lehilahy io zay iby zay? Reke tsy nandalo fianara zao." [16]Jesosy namale aiereo vaho nanao tihoe: "Tsy
Ahike ty fampianarako, te bak'amy Reke ze nagnirake Ahike.[17]Laha misy ndaty magniry hanao ty teane, le hahay
mikasike io fampianara io reke, na bak'amy ty Andragnahare zay, na Raho ro mitsara bak'amy ty vatako. [18]Na ia
na ia mitsara bak'amy ty vatane le mipay ty hasine ty vatane manoka, te na ia na ia mipay ty hasy ze nagnirake
Aze, le io ndaty io ro to, vaho tsy misy tsy fahamarigna ao amine.[19]Tsy nomey ndre Mosesy anareo vao ty lalàgna?
Feie tsy misy aminareo mitao ty lalàgna. Nanao akore riha ro mipay hamono Ahike?" [20]namale ty vahoake tihoe:
"Riha le misy demone. Ia kea ro mipay hamono anao?[21]Jesosy namale le nitsara aiereo tihoe: "Asa raeke ro
nataoko, vaho le vere noho zay iaby nareo. [22]Nomey ndre Mosesy ty fanampaha nareo (tsy bak'amy ndre Mosesy
zay, te bak'amy reo raza),vaho amy ty Sabata le manampake ndaty nareo.[23]Laha amy ty Sabata ro anampaha ty
ndaty soa tsy voalika ty lalàgna ndre Mosesy, le nanao akore nareo ro masiake amiko laha nagnafake ndaty raeke
tamy ty Sabata Raho? [24]Ko mitsara amy ty endreke ambalike, te mitsarà am-pahamarigna."[25]Ty ilane tamy reo
bak'agne Jerpsalema nitsara tihoe: "Tsy toy vao iaze mpaiavy iareo ho vonoa?" [26]Heteo, mirehake mibaribary
Reke, vaho tsy misy mitsara na ino na ino Aze iareo. Le ho hay ty mpitondra vatagne vao te re ro Kristy, sa manao
akory? [27]Fa haintika tihoe bak'aia io l;ehilahy io. Te lafa avy iaze Kritsy, le tsy hisy hahay tihoe bak'aia
Reke."[28]Bak'eo nikoike mafe Jesosy tao an-tempoly, nampinatse vaho nitsara tihoe: "Nareo le sambe mahay ty
vatako vaho mahay ty fiaviako. Tsy avy noho ty vatako arere Raho, te iaze nagnirake Ahike le to, vaho tsy
hainareo Reke. [29]haintso Reke reke satria Raho le bak'amine vaho Re ro nagnirake Ahike."[30]Niezake ty hisambotse
Aze iareo, te tsy nisy nagnampatse ty tagnane tamine satria tsy mbe tsy avy ty fotoane. [31]Feie maro tamy reo
vahoake ro natoky Aze, vaho nanao tihoe iareo: "Lafa avy iaze Kristy, nao hanao famantara maro noho ty voita io
lehilahy io vao reke?" [32]Naheno ty vahoake nibisibiky reo raraha mikasike ahy ndre Jesosy reo ty fariseo, vaho ty
loha ty mpisoro naho reo Fariseo le nagnirake mpiambe raraha hisambotse Aze.[33]Nanao tihoe Jesosy bak'eo: "Kele
sisa ty fotoa hiarahako aminareo, le handeha ho agne amy iaze nagnirake Ahike Raho. [34]Hipay Ahike nareo te tdy
hahisake Ahike; ze handenako, tsy ho azonareo andena."[35]Noho zay reo Jiosy le nifampirehake tihoe: "Te handeha
ho aia io lehilahy io ro tsy ho vitantika ty hipay Aze? Handeha ho agne amy reo ze niparitake nandeha agne amy
ndre Grika le hagnanatse reo Grika vao? [36]Vaho ino ty dika ty tsara nitaliline tihoe: 'Hipay Ahike nareo te tsy
hahisake Ahike; ze handenako, tsy ho azonareo andehana'?"[37]Vaho tamy ty farane, andro befoloay amy ty
firavoravoa, le nitsanga Jesosy vaho nitsara mafe, manao tihoe: "Laha misy marandrano, apoho reke hamonje
Ahike vaho hino. [38]Ze matoke Ahike, arake ty voatalily ty Soratse Masy, le handeha bak'ao an-kibone ty sihana ty
rano velo."[39]Te zao ro antaliline mikasike ty Fagnahy, reo ze nino Aze ro handrambe: iaze fagnahy le tsy mboe
nomey satria tsy mboe nahazo hasy Jesosy.[40]ty sasane tamy reo vahoake, lafa nahajanje reo tsara reo, le nitsara
tihoe: "Toy vatagne iaze mpitoke." [41]REo hafa nitalily tihoe: "Toy iaze Kristy." Ty ialane nitsara tihoe: "Nao Kristy
bak'agne Galilia? [42]Tsy voatalily ty Soratse mase vao te Kristy le ho bak'amy ty foko ndre Davida vaho bak'ao
Betlehema, iaze tanà ze nisy ahy ndre Davida?"[43]Le nisy fizara teo amy ty vahoake noho Reke. [44]Ty ilane tamy
iareo te-hisambotse Aze, te tsy nisy nagnenja-tagna tamine.[45]Bak'eo reo mpiambe raraha nimpole tagne amy reo
loha ty mpisoro naho reo Fariseo, ze nitalily tamy iareo tihoe: "Nanao akore nareo ro tsy nanday Aze?" [46]Namale
reo mpiambe raraha tihoe: "Tsy mboe nisy nitsara manahake zay zao."[47]Noho zay reo Fariseo namale aiereo
tihoe: "Vaofitake avao kea vao nareo? [48]Nao nisy tamy reo mpanapake natoky Aze, na tamy reo Fariseo? [49]Te reo
vahoake reo tsy mahay ty lalàgna voaozo reo."[50]Nikodemosy (raeke amy reo Fariseo, le avy miaolo teo amine),



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nitalily tihoe: [51]"Nao ty lalàntika vao mitsara ndaty mialoha ty handresea aze le ahaiza ze nataone?" [52]Namale iareo vaho nitsara tamine tihoe: "Bak'agne Galilia kea vao riha? Mipaiava vaho heteo te tsy misy mpitoke bak'agne Galilia."[53]Fagnamariha: Ty dika-tene taloha soa loatse le tsy ahisaha ty Jaona 7: 53-8: 11) [Bak'eo ty kiraikiraike nandeha agne an-tragnone iaby.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 8

[1]Fagnamariha: Vambao ty fagnamariha mikasike ahy ndre Jaona 7: 53-8: 11 ety ambone) nandeha ambone
vohitsy ndre Oliva Jesosy. [2]Vao maraindrayt le nandeha egne an-tempoly ndraeke, vaho ty ndaty iaby namonje
Aze; nitoboke Reke vaho nampianatse aiereo. [3]Reo mpanora-dalàgna naho reo Fariseo le nanday ampela raeke
tratse nandrato. natobo iareo teo ampagnivoane reke.[4](Fagnamariha mikasike ahy ndre Jaona 7: 53-8: 11 ety
ambone) Bak'eo nanao tihoe iareo tamine tihoe: "Ty mpampianatse, toy ampela toy le tratse teo am-pandratova.
[5]Vaho ao amy ty lalàgna, Mosesy nadily anay soa hitoro-bato ty ndaty manahake zay; ino ro ambaranao mikasike
aze?" [6]Nitalilia iareo hamandriha Aze avao nefa zay soa ahazohoa iareo magnameloke Aze, te Jesosy kea
niondreke vaho nanoratse tamy ty tane tamy ty rambon-tagnane.[7](Fagnamariha: Heteo ty fagnamariha mikasike
ahy ndre Jaona 7: 53-8: 11 ety ambone) Lafa nametrake fagnontania tamine hatragne iareo, le nitsanga Reke le
nitsar aiereo tihoe: "Ze tsy nanao rate taminareo, lonike reke ro hitora-bato aze voalohane." [8]Le niondrike
ndraeke Reke, vaho nanoratse tamy ty tane tamy rambon-tagnane.[9]Fagnamariha: Vambao ty Fagnamarih
mikasike ahy ndre Jaona 7: 53-8: 11 ety ambone) Lafa nahajanje zay iareo, le niala kiraikiraike zay iareo,
nanomboke tamy ty raokine loatse. Vaho ty farane le Jesosy raeke avao sisa ro tavela teo, niarake tamy iaze
ampela ze teo ampagnivoane. [10]Nitsanga Jesosy le nitalily tamine tihoe: "Rampela, te lasa aia reo mpagnameloke
anao? Tsy misy magnameloke anao vao?" [11]Nanao tihoe: Tsy misy, Tompoko." Vaho nanao tihoe Jesosy: "Tsy
magnameloke anao raho. Mandehana vaho ko manao rate sase."][12]Nitsara tamy iarep ndraeke Jesosy, manao
tihoe: "Raho ro fahazava zao tontolo zao; ze magnarake Ahike le tsy handeha amy ty ike te hana ty fahazava ty
fiaiagna." [13]Nanao tihoe reo fariseo tamine: "Riha le magnambara ty vatagnao; Tsy to ty fagnambaranao."[14]Jesosy
namale le nanao tihoe tamy iareo: "Na mitalily ty vatako kea raho, le to ty fagnamabarako. Haintso ty niaviako
nao ty lala andenako, te nareo kea tsy mahay ze niaviako na ze andenako. [15]Nareo le mitsara arake ty nofo; te
Raho tsy mitsara na ia na ia. [16]Na le mitsara kea Raho; le to ty fitsarako saria tsy arere Raho, te miarake amy ty
Rae ze nagnirake Ahike.[17]Eka, vaho ao amy ty lalàgnanareo le voasoratse te to ty fitsangana ty ndaty rooe
vavolombelo. [18]Raho ro magnambara ty vatako, vaho ty Rae ze nagnirake Ahike avao kea le mitalily
Ahike."[19]Nanao tihoe iareo tamine: "Aia ty babanao?" Jesosy namale tihoe: "Tsy haianareo na Raho na ty Babako;
laha nahay Ahike nareo, le mahay ty Babako avao kea." [20]Teoa agnila ty fandatsahan-drakitse Reke ro nitalily zay
tsara zay laha igny nampianatse teo amy ty tempole igny, vaho tsy nisy nisambotse Aze satria tsy mboe avy ty
lerane.[21]Vaho nanao tihoe ndraeke Reke tamy iareo: "Andeha Raho; hipay Ahike nareo vaho ho mate am,y ty
haratianareo. ze alehako, le tsy ho azonareo handehana."[22]Nanao tihoe reo Jiosy; "Hamono arofo vao Reke? Zay
vao ro antone nitaliliane tihoe: 'Ze andehanako, le tsy azonareo handehana'?"[23]Nanao tihoe Jesosy tamy iareo:
"Bak'etoy ambane nareo; Raho kea bak'agne ambone. Bak'amy zao tonotlo zao nareo; te Raho tsy bak'amy zao
tontolo zao. [24]Noho zay, nataliliko taminareo te ho mate ao amy ty haratianareo nareo. Te laha tsy mino nareo te
RAHO RO IE, le ho mate amy ty haratianareo nareo."[25]Noho zay le nanao tihoe iareo tamine: "Ia moa Riha?"
Nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Arake ze voataliliko taminareo baka am-boalohane. [26]Mana raraha lahiale ho
talilie naho hitsarà mikasike anareo Raho. nefa, Reke ze nagnirake Ahike le to; vaho reo raraha ze henoko
bak'amine, le hataliliko amy zao tontolo zao." [27]Tsy azo iareo te Reke le nitsara tamy iareo mikasike Ty Rae.
[28]Nanao tihoe Jesosy: "Lafa asondrotsareo ty Anagn'Ondaty, le ho hainareo te raho IE, vaho tsy manao ino na ino
ho Ahike Raho. Arake ty nampianare ty Rae Ahike, ro hitaliliako reo raraha reo. [29]Reke ze nagniarake Ahike le
miarake amiko, vaho tsy namela Ahike arere Reke, noho Raho manao ze teane sanandro." [30]Laha nitalily reo
raraha reo Jesosy, le lahiale ro natoky Aze.[31]Jesosy nitsara tamy reo Jiosy ze natoke Aze tihoe: "Laha mitoetse amy
ty tsarako nareo, le ho vatane mpianatsiko; [32]vaho hainareo ty to, vaho ty to hagnafake anareo." [33]Vaho iareo
namale Aze tihoe: "Foko ndre Abrahama zahay vaho tsy mboe nandevozy na ia na ia nanomboky zay; kea nanao
akore ro hitalilianao tihoe: 'Ho afake nareo'?"[34]Jesosy namale aireo tihoe: "Talilieko aminareo, to, le to vatane, te
reo ze manao rate le andevo ty haratia. [35]Ty andevo le tsy mitoetse ao an-tragno zisikam-parane; te ty anake ro
mitoetse zisikam-parane. [36]Noho zay, laha Anake ro magnafake anareo, el ho afake vatane nareo.[37]Haintso te foko
ndre Abrahama nareo; mipay ze hahafate Ahike satria tsy mana toera ao aminareo ty tsarako. [38]Mitalilia ze hitako
niarake tamy ty Babako raho, vaho nareo kea manao ze henonareo tamy ty babanreo."[39]Namale iareo le nitalily
tihoe: "Abrahama ro babanay."Jesose nitsara aiereo tihoe: "Laha ana ndre Abrahama nareo, le hanao ze asa ndre
Abrahama. [40]Feie, amy henane zao nareo mipay hamono Ahike, ze lehilahy nitalily taminareo ty to ze henoko
tamy ty Andragnahare. Abrahama tsy nanao zay. [41]Nareo le manao ty asa ty babanareo." Nanao tihoe iareo
tamine: "Tsy terake tamy ty fijangajanga zahay; raeke avao ty Babanay: le Andragnahare."[42]Jesosy nitsara aiereo
tihoe: "Laha Andragnahare ro babanareo, le tokone ho tea Ahike nareo, satria bak'amy ty Andragnahare ro
niboahako naho nandehako atoy; te tsy avy ho aze Raho, te Reke ro nagnirake Ahike. [43]Nanao akore ro tsy


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

azonareo ty tsarako? Zay le satria tsy afake hagnina ty tsarako nareo. [44]Bak'amy ty babanareo nareo, iaze devole, vaho ty teanareo atao le ty filà ze natao ty babanreo. Mpamono ndaty hatramy zay reke vaho tsy mitsanga amy ty fahamarigna satria tsy misy to ao amine. Lafa mavande Reke, le ty toetse fanoene avao to taliliane satria mpavande Reke vaho baba ty vande.[45]Feie, satria mitalily ty to Raho, le tsy mino Ahike nareo. [46]Ia aminareo ro magnameloke Ahike amy ty haratia? Laha mitalily ty to Raho, nanao akore ro tsy hinoanareo? [47]Ze bak'amy ty Andragnahare le mahajanje ty tsara ty Andragnahare; tsy mahajanje zay nareo satria tsy bak'amy ty Andragnahare."[48]Namale reo Jiosy le nitsara tamine tihoe: "Nao tsy mitalily ty to vao zahay te Samaritana Riha vaho misy demone?" [49]Jesosy namale tihoe: "Tsy misy demone raho, te magnome hsay ty Babako, vaho nareo tsy magnome hasy Ahike.[50]Tsy mipay ty hasiko Raho; misy raeke mipay naho mitsara. [51]Ataliliko aminareo, to, le to vatagne, te laha misy mitao ty tsarako, le tsy hahisake fahafatesa zisikam-parane reke."[52]Nanao tihoe reo Jiosy tamine: "Amy henne zao hainay te mana demone Riha. Fa mate Abrahama naho reo mpitoke; feie riha mitalily tihoe: 'Laha misy miamby ty tsarako, le tsy hahisako fahafatesa zisikam-parane reke.' [53]Tsy befoloay noho ty babanay Abrahama ze fa vilasy Riha, sa vao bey? Reo mpitoke avao kea le mate. Manao ty vatagnao ho ia moa Riha?"[54]Jesosy namale tihoe: "Laha mankalaza ty vatako Raho, le hisy dikane ty hasiko; ty Babako ze ataoanareo ho Andragnahare ro mankalaza Ahike. [55]Tsy hainarei Reke, te Raho mahay Aze. Laha mitalily Raho tihoe: 'Tsy mahay Azy Raho,' le hanahake anareo, mpvande. Feie, haintso Reke le miamby ty tsarane Raho. [56]Ty babanareo nifale nahisake ty androko; nahisake zay reke le fale."[57]Nanao tihoe reo Jiosy tamine: "Mboe tsy misy dimampolo tao Raho, le ho fa nahisake ahy ndre Abrahama vao?" [58]Vaho nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Ataliliko aminareo, to, le to vatagne, taloha ty nahateraha ndre Abrahama, le Raho ro Ie." [59]Bak'eo le nangalake vato hitorake Aze iareo, te Jesosy kea niolitse le niboake ty tempoly.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 9

[1]Vaho laha nandalo Jesosy, le nahisake lehilahy jamba hatramy reke vao terake. [2]Nagnontane Aze reo ty
mpianane tihoe: "Raby, ia moa ro nanao rate, io lehilahy io sa reo ray aman-dranine, le terake goa manahake zao
reke?"[3]Jesosy namale tihoe: "Tsy io lehilahy io ro nanao rate, na ty ray aman-drenine, te natao zao soa hanehoa
amine ty asa ty Andragnahare. [4]Tsy maintse manao ty asa ze nagnirake Ahike tika laha mboe mazava. Te ho avy
ty halike ze tsy ahazahoa na ia na ia miasa sase. [5]Laha mboe eto amy zao tontolo zao Raho, le Raho ro fahazava
zao tontolo zao."[6]Lafa baka nitsara zay Jesosy, le nandora tamy ty tane, vaho namboatse fotake tamy iaze rora, le
nagnosotse ty fotake tamy ty maso iaze lehilahjy. [7]Nanao tihoe Reke tamine: "Mandena, sasao egne amy ty rano ty
Siloama ( ze adika tihoe: nirahy) ty masonao." Le lasa ralehilahy, nanasa zay, vaho nimpolu nahisake.[8]Vaho
nifampagnontane reo ndaty tana raeke tamy ty lehilahy naho reo ze nahisake azew nangatake taloha nanao
tihoe: "Tsy toy vao iaze lehilahy nitoboke nangatake teto?" [9]Ty ilane nanao tihoe: "Ie io." Vaho ty hafa nitalily
tihoe: "Aha, te mitove amine avao reke." Te reke kea nanao tihoe: "Raho toy."[10]Nanao tihoe iareo tamine: "Kea
nanao akore ro nahisaha ty masonao?" [11]namale reke tihoe: "Iaze lehilahy kaihy tihoe Jesosy ro namboatse fotake
vaho nagnosotse zay tamy ty masoko le nitsara tihoe: 'Mandena agne Siloama vaho sasao ty masonao.' Le
nandeha raho vaho nanasa zay, le nahisake." [12]Nanao tihoe iareo tamine: "Aia Reke?"Le nivaleane tihoe: "Tsy
haintso."[13]Nandesy iareo teo amy ty fariseo iaze lehilahy ze goa taloha. [14]Tamy ty andro Sabata moa ro
nagnamboara ndre Jesosy ty fotake naho nampahisahane ty masone. [15]Vaho nagnontane aze ndraeke reo Fariseo
ty amy ty fomba nahisahane. Nanao tihoe reke tamy iareo: "Nasiane fotake ty masoko, nisasako, le mahisake raho
zao."[16]Ty ilane tamy reo fariseo nitsara tihoe: "Tsy bak'amy ty Andragnahare toy lehilahy toy satria tsy miasy ty
andro Sabata." Ty hafa nanao tihoe: "Nanao akore ro afaha ty ndaty mpanao rate manao famantara befoloay
manahake zao?" Le nisy fizarazara teo amy iareo. [17]Le nimpole nagnontane iaze lehilahy goa ndraeke iareo tihoe:
"Ino ro hatalilinao mikasike Aze, nanomboke ty nampahisahane ty masonao?" Nanao tihoe iaze lehilahy goa:
"Mpitoke Reke." [18]Vaho mboe tsy natoky ty mikasike aze avao reo Jiosy tihoe reke le fa goa le nahiratse laha tsy
nikaike ty ray aman-drene iaze lehilahy nahiratse iareo.[19]Nagnontane reo ray aman-drene iareo tihoe: "Toy vao
iaze anagnareo ze talilinareo te tihoe terake goa? Kea nanao akore ro ahisane zao?" [20]vaho le nivalea reo ray
aman-drenine iareo tihoe: "Hainay te anagnay io vaho terake goa reke. [21]Feie ty amy ty nahisane, tsy hainay, vaho
ze nampahisake ty masone, tsy hainay. Agnontaneo aze, fa bey reke. Afake mitalily ho ahy ty vatane
reke."[22]Nitalily zay reo ray aman-drenine, satria natahotse reo Jiosy iareo. Satria fa nifagnina reo Jiosy te laha
misy magnina Aze ho Kristy, le ho roahy hiala amy ty synagoga reke. [23]Noho ty amy zay, ro nitalilia reo ray aman-
drenine tihoe: "Fa bey reke, reke ro agnontaneo."[24]Vaho nikaike iaze lehilahy goa taloha fagnindroane ndraeke
iareo le nitsara tamine tihoe: "Ome asy Andragnahare, Hainay te mpanao rate zay lehilahy zay." [25]Bak'eo le
namale iaze lehilahy tihoe: "Tsy haiko aloha laha mpanao rate Reke. Ty haintso le zao: fa goa raho taloha, te
henane zao raho mahisake."[26]Bak'eo le nanao tihoe iareo tamine: "Te ino ro nataone taminao? Nanao akore ty
fomba nampihiratse ty masonao?" [27]Le namale reke tihoe: "Fa nataliliko taminareo , te tsy nijanje nareo! Nanao
akore nareo ro te-hijanje zay ndraeke? Te-ho iasa ty mpianane avao kea vao nareo, sa tsy zay?" [28]Namasoke aze
iareo le nitsara tihoe: "Riha ro mpianane, te zahay mpianatse ndre Mosesy. [29]Hainay te fa niresake tamy ndre
Mosesy Andragnahare, te laha zay lehilahy zay le tsy hainay ze niaviane."[30]Le namale iaze lehilahy le nanao tihoe
tamy iareo: "Mahavere zay, tsy hainareo ze niaviane, Feie nampahisake ty masoke Reke. [31]Haintika te tsy mijanje
reo mpanao rate Andragnahare, te laha misy mazoto mivavake naho manao ty teane, le mijanje aze Reke.
[32]Nanomboke nanomboha zao tontolo zao le tsy mbe heno zao thoe nisy nampahiratse ty maso ze terake goa.
[33]Kea laha tsy bak'amy ty Andragnahare zay lehilahy zay, le tsy manao na ino na ino." [34]Vaho le namale iareo le
nanao tamine tihoe: "Vatane terake tamy ty haratia vatane riha, le riha ndraek vao ro hampianatse anay?" Bak'eo
le niroahy iareo hiboake reke.[35]Heno ndre Jesosy te niroahy iareo tao amy ty synagoga re. Vaho nahisake aze le
nitsara tihoe: "Matoky ty Anagn'Ondaty vao riha?" [36]Namale reke tihoe: "Ia moa ro Ie, Tompo, soa hatokiako Aze?"
[37]Jesosy nanao tamine tihoe: "fa nahisake Aze riha, vaho iaze raeke zay mitsara aminao zao zay." [38]Nanao tihoe
iaze lehilahy tihoe: " Tompo, matoke raho." vaho le niantsa Aze reke.[39]Jesosy nitalily tihoe: "Te fitsara ro niaviako
eto amy zao tontolo zao soa hahiratse reo ze goa vaho soa ho lasa goa reo ze mahiratse." [40]Nahajanje zay ty ilane
tamy reo Fariseo ze nirake tamine le nagnontane Aze tihoe: "Vaho zahy avao kea vao goa?" [41]Te Jesosy nitsara
tamy iareo tihoe: "Laha goa nareo, le tsy ho nanan-keloke, te nareo kea henane zao mitalily tihoe: 'Mahiratse
zahay,' le mboe mitoetse ty helognareo."

# Chapter 10

[1]"Atililiko aminareo, to, le to vatagne, te ze tsy mizilike ty vavahade ho amy ty vata ty aondre, te magnanike lala
hafa, le mpangalatse naho mpandrava reke. [2]Te ze mizilike ty vavahade kea ro mpiambe aondre soa.[3]Ia ro vaha ty
mpiambe vavahade. Mahajanje ty feone ty aondry, vaho reke mikaike ty aondrine arere amy ty agnarane le
manday aze miboake. [4]Lafa nampiboake ty aze iaby reke, le niaolo lala aiereo, vaho magnarake aze ty aondrine,
satria mahay ty feone.[5]Vaho tsy hagnarake mbahine iareo te hilay aze kea, satria tsy haine ty feo ty bahine."
[6]Jesosy nitalily zay fagnohara zay tamy iareo, feie tsy azo iareo reo raraha nitaliliene tamy iareo.[7]Le nanao tihoe
ndraeke Jesosy tamy iareo: "talilieko aminareo, to, le to vatagne, te Raho ro vavahade ty aondre. [8]Ze iaby ay
talohako le mpangalatse naho mpandrava, satria tsy nijanje aireo ty aondre.[9]Raho ro vavahade. Laha misy
mizilike ao amy ty alalako, le ho voasarombake reke; hizilike naho hiboake reke vaho hahisake ty fihinana. [10]Te ty
mpangalatse tsy avy laha tsy hangalatse naho hamono vaho handrava. Te raho kea avy soa hanagna iareo fiaigna
vaho hanagna zay bey le bey.[11]Raho ro mpiambe soa. Ty mpiambe soa le magnomey ty fiaine hamonjea ty
aondrine. [12]Ty mpikarama le tsy mpiandre vaho tsy tompo ty aondre. Laha nahisake amboaly mamonje re le
hagnenga ty aondre le hilay, vaho ty amboly misambotse ty mampiparitake aiereo. [13]Milay reke satria mpikarama
le tsy miraharaha ty aondre.[14]Raho ro mpiandre aondre soa, vaho haintso ty Ahike, vaho haine Raho, [15]Ty Rae
mahaya Ahike, vaho Raho mahay ty Rae, vaho Raho magnomey ty fiaiko ho ahy ty aondre. [16]Mana aondre hafa ze
tsy amy toy vala toy Raho. Tsy maintse handesiko avao kea regne, vaho iareo hahajanje ty feoko soa ho lasa
antoko raeke avao naho mpiambe raeke.[17]Zao ro antone hitiava ty Rae Ahike mahafoy magnomey ty fiaiko Raho
soa handrambesako zay ndraeke. [18]tsy misy magnafake zay amiko, te ty vatako avao ro magnomey zay. Mana
fahefa hagnomey zay Raho, vaho mana fahefa hangalake zay ndraeke. Zay lily zay le azoko bak'amy ty
Raeko."[19]Nisy fizarazara ndraeke teo amy reo Jiosy noho reo tsara reo. [20]Maro tamy iareo ro nitalily tihoe: Mana
demone Reke vaho vere say. Nanao akore nareo ro mijanje Aze?" [21]Ty ilane nitalily tihoe; "Tsy tsara ty ndaty misy
demoe zay. Nao ty demone afake mampahiratse ty maso ty goa?"[22]Bak'eo avy ty fety ty fanokana tao Jerosalema.
[23]Asotry tamy zay, vaho Jesosy nitsanga teo amy ty an-tokontane ty tempoly teo amy ty fialofa ndre Solomona.
[24]Bak'eo nivoria reo Jiosy Reke vaho nitsar tamine tihoe: "Zisikim-bia ro hampisalasalanao anay? Laha Riha ro
Kristy, le hatalilio mibaribary aminay."[25]Vaho Jesosy namale aiereo tihoe: "Fa nitalily anareo Raho, te tsy matoky
nareo. Reo asa ze nanoeko amy ty tahina ty Raeko, reo ro mitalily ty mikasike Ahike. [26]Feie nareo tsy matoke
satria tsy aondriko.[27]Mahajanje ty feoko ty aondreko; Haintso iareo, vaho magnarake Ahike. [28]Omeiko aiereo ty
fiaigna zisikam-parane; le tsy ho mate zisikam-parane iareo, vaho tsy hisy handrava aze eo am-pelantagnako.[29]Ty
Raeko, ze magnome reo Ahike, le bey noho ty hafa iaby, vaho tsy misy mahavita mandrava aiereo eo am-
pelantagna ty Baba. [30]Raho naho ty Rae le raeke avao." [31]Bak'eo nangalake vato ndraeke reo Jiosy soa hitorake
vato Aze.[32]Vaho Jesosy namale aiereo tihoe: "Maro ty asa soa nasehoko anareo bak'amy ty Rae. Kea ino tamy
regne asa regne ro hitorahanareo vato Ahike?" [33]Namale Aze reo Jiosy tihoe: "Tsy ty asa soa ro hitorahanay vato
anao, te ty tsara rate, satria riha, ndaty, le manao ty vatagnao ho Andragnahare."[34]Namale aiereo Jesosy tihoe:
"Tsy fa voasoratse ao amy ty lalàgnanareo vao tihoe: 'Nanao tihoe Raho: "andragnahare nareo"? [35]Laha nikaike
rey ho andragnahare reke, le ho ahy ia zay ro niavia ty tsara ty Andragnahare (vaho ty Soratse Masy le tsy azo
rava),[36] nao iaze nihamasigny ty Rae naho nirahy ho amy zao tontolo zao vao ro ataoanareo tihoe: 'MItsara raha
Riha,' noho Raho nitsar tihoe: 'Raho ro Anagn'Andragnahare'?[37]Laha tsy manao reo asa ty Raeko Raho, le ko
matoke Ahike. [38]Te laha manao regny Raho, na le tsy matoke Ahike kea nareo, Le matokia reo asa soa
hahaizanareo naho hahazoanareo te ty Rae le ato Amiko vaho Raho ao amy ty Rae." [39]Mboe nandinike ty
hisambotse Aze ndraek iareo te nilay Reke.[40]Le nandehna agne am-pita ndre Jordana ndraeke Reke ho agne amy
iaze toera ze nanaova ndre Jaona Batisa voalohane, vaho nitoetse teo. [41]Maro ty ndaty namonje Aze vaho nanao
tihoe iareo: "Jaona tsy mboe nanao famantara, te ty raraha iaby nitalily ndre Jaona mikasiky io lehilahy io le to."
[42]Maro ty ndaty natoky Aze teo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 11

[1]Vaho nisy lehilahy raeke narae kinaike tihoe Lazarosy. Bak'ao Betania reke, Tanà ndre Maria naho Marta
rahavavine. [2]Maria ro nagnosotse menake magnitse ty Tompo naho nadio ty tombone tamy ty volone, vaho
Lazarosy rahalahine ro narare.[3]Vaho reo mpirahavave nagnirake ndaty ho agne amy ndre Jesosy, nitalily tihoe:
"Tompo, jereo, te marare iaze teanao." [4]Laha heno ndre Jesosy zay, le nanao tihoe Re: "Tsy fahafatesa ro hiafara
toy arete toy, te kea ho fanehoa ty hsa ty Andragnahare soa hanondrota ty Anagne ty Andragnahare amy ty alala
zay."[5]Vaho Jesosy le te ahy ndre Marta naho ty rahavavine vao Lazarosy. [6]Lafa nahajanje Jesosy te marary
Lazarosy, le mboe nijano roa andro tao amy ty toera nisy Aze Reke. [7]Vaho tafra zay, le nitsara tamy reo mpianane
Reke tihoe: "Ndao tika ho agne Jodia ndraeke."[8]Nanao tihoe reo mpianatse tamine tihoe: "Raby, amy zao le
mandinike ty hitorake vato Anao reo Jiosy, le mbe himpoly ho agne ndraeke vao Riha?" [9]Vaho namale Jesosy
tihoe: "Tsy folo rao amby lera vao ty fahazava ty andro? Laha misy ndaty mandeha amy ty andro mazava, le tsy
ho lavo reke, satria mahisake ty fahazava zao tontolo zao.[10]Feie, laha mandeha amy ty halike reke, le ho lavo
tafintohy satria tsy ao amine ty fahazava." [11]Nitalily reo raraha reo Reke, vaho tafara reo raraha reo, le nanao
tihoe Reke tamy iareo: "Azon-tory Lazarosy namantika, te handeha Raho soa hazahoako mamoha aze amy ty
torimaso."[12]Le nanao tihoe reo mpianatse tamine: "Tompo, laha azotoere reke, le ho soa." [13]Feie Jesosy nitalily ty
fahafatesane, feie nihevere iareo te fitofa amy ty torimaro ro nitaliline. [14]Bak'eo Jesosy nitsara mora tamy iareo
tihoe: "Mate Lazarosy.[15]Fale raho, noho ty aminareo, te tsy tagne Raho soa hahavy anareo hatoke. Ndao tika ho
agne amine." [16]Tomasy, ze kinaike tihoe Didymo, le nitsara tamy reo mpianatse namane tihoe: "Ndao kea tika soa
hiara-mate amy ndre Jesosy."[17]Lafa avy Jesosy, le hisane te fa naleve efats'andro tao amy ty valavato Lazarosy.
[18]Vaho Betania le fa marine ahy ndre Jerosalema, eo amy ty dimy amby folo kilometatse eo ro elagnelane. [19]Maro
reo Jiosy avy tao amy ndre Marta naho Maria, soa hampahere aiereo noho ty havilasy ty rahalahe iareo. [20]Bak'eo
Marta, lafa nahajanje te avy Jesosy, Le nandeha nanalaka Aze, te Maria kea nitoboke teo an-tragno.[21]Le nitsara
tamy ndre Jesosy Marta tihoe: "Tompo, laha teto riha, le tsy mate ty rahalahiko. [22]Feie na zao henane zao kea, le
haintso te na ino na ino angatahinao amy ty Andragnahare, le homeine anao zay. [23]Nanao tihoe Jesosy tamine: "Ty
rahalahiko le hitsangan-ko velo ndraeke."[24]Marta nitsara tamine tihoe: " Haintso te hitsanga ndraeke reke amy ty
fitsanga ty mate amy ty andro farane." [25]Le nanao tihoe Jesosy tamine: "Raho ro fanangana ty mate vaho fiaigna;
ze mino Ahike, na le mate kea re, le ho velo; [26]vahp na ia na ia velo le matoke Ahike le tsy ho mate zisikam-
parane. Matoke zay vao riha[27]Nanao tihoe re tamine: "Eka, Tompo, mino raho te Riha ro Kristy, Anagne ty
Andragnahare, iaze ho avy eto amy zao tontoloa zao." [28]Lafa voataliline zay, le lasa reke nikaike mangina ahy
ndre Maria rahavavine. Nanao tihoe re: "Avy ty Mpampianatse vaho mikaike anao reke." [29]Lafa heno ndre Maria
zay, le nitsanga, malake reke le nandeha agne amine.[30]Vaho Jesosy tsy mboe avy tao an-tanà te mboe teo amy iaze
toera nahisaha ndre Marta tamine avao. [31]Noho zay reo Jiosy, ze niarake tamine tao an-tragno naho nampahere
aze, lafa nahisake ahy ndre Maria nitsanga malake le lasa niboake, le nagnarake aze, nihevitse te handeha
hitomagny agne amy ty valavato reke. [32]Lafa avy teo amy ty toera nisy ahy ndre Jesosy re Maria le nahisake Aze,
le nihohoke re vaho nitsara tamine tihoe: "Tompo, laha teto riha, le tsy mate ty rahalahiko."[33]Lafa nahisake aze
nitomagne Jesosy, vaho reo jiosy niarake tamine le nitomagny, le nivonto ty fagnahine vaho nititike Reke; [34]le
nanao tihoe Reke: "Taia ro nandevegnanareo aze?" Le nanao tihoe iareo tamine: "Tompo, avia vaho jereo."
[35]Nitomagne Jesosy.[36]Bak'eo reo Jiosy tihoe: "Heteo ty habey ty fiavane ahy ndre Lazarosy!" [37]Te tsy ilane tamy
iareo nitsara tihoe: "Nao tsy hay toy lehilahy toy, ze nampahiratse ty maso iaze goa vao, ty manao ze tsy ho
hahafate iaze lehilahy toy kea?"[38]Bak'eo ndraeke Jesosy, laha mboe nivonto ty fagnahine, le nandeha egne amy ty
valavato. Vaho zohy zay, vaho misy vato misaro aze. [39]Nanao tihoe; "Afaho hindriso ty vato." Marta rahavavine
ndre Lazarosy, iaze mate, nitsara tamy ndre Jesosy tihoe: "Tompo, fa maimbo ty vatane laha amy zao fotoa zao,
satria fa efats'andro zao ro nahafatesane." [40]Vaho Jesosy nitsara tamine tihoe: "Tsy fa nitaliliko anao vao te, la
natoky riha, le ho hisanao ty hasy ty Andragnahare?"[41]Le nafaha iareo ty vato. nanondrotse ty fanjone le nitsara
tihoe: "Rae, misaotra Anao Raho satria nijanjew Ahike Riha. [42]Hainao te mijanje Ahike sanandro Riha, te noho ty
vahoake mitsanga magnodidy Ahike ro nitaliliako zay, soa hafaha iareo matoke te Riha ro nagnirake Ahike."[43]Lafa
baka nitsara zay Re, le nikaike tamy ty feo mafe tihoe: "Lazarosy, miboaha!" '[44]Niboake iaze lehilahy mate;nisy
fehim-pate ty tombone naho ty tagnane, vaho vofehy lamba kea ty vatane. Nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Vahao
re vaho apoho handeha."[45]Bak'eo maro tamy reo Jiosy ze avy teo amy ndre Maria naho nahisake ty natao ndre
Jesosy, ro natoke Aze; [46]Te ty sasane tamy iareo kea lasa nandeha agne amy ty Fariseo vaho nitalily tamy iareo ty
zaka natao ndre Jesosy.[47]Bak'eo ty loha ty mpisoro naho ty Fariseo namore ty Synedriona niarake vaho nanao
tihoe: "Ino ro hataontika? Toy lehilahy toy le manao famantara maro. [48]Laha apontika may zao Reke, le hataoke
Aze ty iaby; vaho ho avy ty Romana hangalake ty tananàntika naho ty firenentika."[49]Feie, nisy lehilahy raeke tamy


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

iareo, Kaiafa, ze mpisoribey tamy zay tao zay, nanao tamy iareo tihoe: "Nareo le tsy mahay na ino na ino. [50]Tsy mieritseritse zao nareo te soa ho anareo laha lehilahy raeke ro mate ho ahy ty ndaty toy zay ty firenena iaby ro rava."[51]Vaho ze nitaliline le tsy nataone ho aze avao. te kea, noho re mpisorobey tamy io tao io, le nitoke te tokone ho mate ho ahy ty firenena Jesosy; [52]vaho tsy ho ahy ty firenena avao, te soa hampiray ty Anagne ty Andragnahare ze niparitake kea. [53]Le nanomboke tamy io andro io le nanao tetike ty fomba hamonoa ahy ndre Jesosy iareo.[54]Vaho Jesosy tsy nandeha nibaribare tegne amy reo Jiosy sase, te niala teo Re nandeha amy ty tagne mariny ty efitse ho agne an-tanà atao tihoe Efraima. Vaho nitoboke tao Reke naho reo mpianatse. [55]Vaho fa marine ty Paska ty Jiosy, vaho maro tamy reo tagne ambalike tanà ro niankatse tao Jerosalema mialoha ty Paske soa hadio ty vata iareo.[56]Nipay ahy ndre Jesosy iareo, vaho nitsanga amy ty Tempoly nifampitsara tihoe: "Ino ro safirinareo? Tihoe tsy ho avy amy ty andro firavoravoa vao Reke?" [57]Vaho fa nagnome baiko ty loha ty mpisoro naho ty Fariseo te laha misy mahay ty ahy nder Jesosy, el tokkone mitalily re soa hanambora iareo Aze.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 12

[1]Enegn'andro mialoha ty Paska, le avy tao Betania Jesosy, ze nitoboha ndre Lazarosy, iaze fa natsanga ndre Jesosy
tamy ty mate. [2]Le namboatse mahatanjake Aze iareo, vaho Marta ro nandroso aiereo, te Lazarosy kea le
agnisagny reo niara-nitoboke. [3]Bak'eo Maria nangalake menake magnitse litatse raeke ze vita tamy ty narda
sarobily, le nagnosotse ty tombo ndre Jesosy tamy zay, vaho namafa ty tombone tamy ty volon-dohane. Feno ty
hagnitse iazy menake ty tragno.[4]Vaho Jodasy Iskariota, raeke tamy reo mpianane, ze hamalike Aze, nanao thoe:
[5]"Nanao akore io menake io ro tsy navily 300 denaria le nomea ty mijale?" [6]Vaho reke mitalily zay, tsy noho ty
fagnampeane ty mijale, te satria mpangalatse reke: tegny amine ty kitapon-drala vaho ho nangalarine ze natao
tao.[7]Jesosy nanao tihoe: "Apoho reke soa hitajake ze hanagnane ho amy ty andro handevegna Ahike. [8]Ho eo
aminareo san'andro ty mijale, te Raho kea tsy ho eo aminareo san'andro."[9]Vaho nisy vahoake maro tamy reo Jiosy
nahay te teo Jesosy, le namonje iareo, tsy ho ahy ndre Jesosy arere avao, te soa hahisake ahy ndre Lazariosy avao
kea, iaze natsanga ndre Jesosy tamy ty mate. [10]Reo loha ty mpisoro le nitetike niarake soa hahazahoa iareo
manosike ahy ndre Lazarosy amy ty fahatesa avao kea; [11]satria noho Re ro nahaavy ty ankamaroa reo Jiosy
andeha vaho natoke ahy ndre Jesosy.[12]Ty hamaray le vahoake maro ro avy tamy ty andro firavoravoa. lafa janje
iareo te ho bak'ao Jerosalema Jesosy, [13]le nangalake sampanketae iareo vaho niboake le nitsena Aze tamy ty kaike
mafe tihoe: "Hosana! Vototse vatane iaze bak'amy ty tahina ty Tompo, iazew mpanjaka ty Israely."[14]Vaho Jesosy
nahisake ana-borike raeke le nitobohan teo ambonine: [15]Arake ty voasoratse tihoe: "Ko matahotse, anak'ampela
ndre Ziona; heteo, ingo avy ty Mpanjakanareo, ze mitoboke eo ambone ana-borike."[16]Tsy nahazo reo raraha reo ty
mpianane tamy ty voalohane; te lafa nomen-kasy Jesosy, le tiaro iareo te voasoratse mikasike Aze reo raraha reo
vaho fa natao iareo tamine zay.[17]Vaho reo vahoake ze nniarake tamine tamy ty nikaihane ahy ndre Lazarosy
hiboake ty valavato naho nampitsanga aze tamy ty mate le sambe nitsanga vavolombelo iaby. [18]Noho zay antone
zay avao kea ro nahaavy ty vahaoke hanalaka Aze, satria heno iareo te nanao zay famantara zay Reke.[19]Reo
Fariseo noho zay nifampirehaky tihoe: "Heteo, tsy afake manao na ino na ino nareo; ingo magnarake Aze zao
tontolo zao."[20]Vaho nisi grika kelekele tamy reo ze niakatse hiantsa agne amy ty firavoravoa. [21]Nandeha agne amy
ndre Filipo iareo, ze bak'agne Betsaida agne Galilia, vaho nagnontane aze, manao tihoe: "Tompoko ta-hahita ahy
ndre Jesosy zahay." [22]Le lasa Filipo le nitsara tamy ty ndre Andrea; le lasa Andrea niarake tamy ndre Filipo, vaho
nitsara ahy ndre Jesosy iareo.[23]Jesosy namale aiereo le nanao tihoe: "Fa avy ty fotoa hagnomeza ty asy ty
Anagn'Ondaty. [24]Taliliko aminareo, to, le vatagne to, te laha tsy latsake amy ty tane ty voam-bare le mate, le
mitoetse amy ty vatane arere zay; te laha mate zay, le hamokatse bey.[25]Ze tea ty faiagnane le hagnare zay; te ze
malay ty fiaignane eto amy zao tontolo zao kea le hitanjake zay ho agne amy ty fiaigna zisikam-parane. [26]Laha
misy manompoa Ahike, lonike reke hagnarake Ahike; vaho ze hitobohako, le aoa avao kea ro hitoboha tyy
mpiasako. Laha misy manompo Ahike, le hagnome asy aze ty Rae.[27]Henane mangorohoro ty fagnahiko vaho ino
ro tokone ho tsaraiko? 'Rae, sarombaho amy toy lera toy Raho'? Feie noho zay antone zay ro niaviako amy zao
fotoa zao. [28]Rae, Hankalzao ty agnaranao." bak'eo nisy feo nagneno mafe bak'agne an-dagnitse nanao tihoe: "Fa
nankalazaiko zay vaho mboe ho hankalazaiko ndraeke." [29]vaho reo vahoake nitsanga teo nahajanje zay le nitalily
te nisy varatsy teo. Ty sasane nitalily tihoe: "Nisy anjel;e niresake tamine."[30]Jesosy namale vaho nitsara tihoe: "Zay
feo zay le tsy avy ho Ahike, te ho anareo. [31]Avy henane zao ty fitsara ahy zao tontolo zao: Vaho le ho roahy tyu
mpanapake zao tontolo zao.[32]Lafa hasondrotse hiala amy tane Raho, le hitao ty kiraikiraike hagnarake Ahike."
[33]Nitaliline zay soa hanehoa tihoe karaza fahatesa manahake ty ino ro hafatesane.[34]Reo vahoake namale Aze
tihoe: "Janjinay lalàgna te Kristy le hijano zisikam-parane. Manao akore hazahoanao mitalily tihoe: 'Ty
Anagn'Ondaty le tsy maintse hasondrotse'? Ia zay Anagn'Ondaty zay?" [35]Bak'eo Jesosy nitsara aiero tihoe: "TYy
hazava le mboe hiarake aminareo agnate ty fotoa fohike. Mandena laha mboe mana hazava, soa tsy hazahoa ty
hike mialoha anareo. Ze mandeha amy ty ike le tsy mahay ty lala andenane. [36]Laha mboe mana ty hazava nareo,
le matokia zay soa ho anagne ty hazava nareo." Jesosy nitalily raraha reo vaho bak'eo le tsy hisake vaho niala
aiereo.[37]Na le nanao famantara maro teo agnatreha iareo Jesosy, le tsy ninoa iareo [38]soa ho tanterake ty tsara Isaia
mpitoke, ze nitaliliane tihoe: "Tompo, ia ro natoke ty tatitsay, vaho ia ro nampisehoa ty sandry ty Tompo[39]Noho
zay antone zay le tsy natoke iareo, arake ty voatalily Isaia avao tihoe: [40]"Nimpoahine ty maso iareo, vaho
nihamafisine ty araofo iareo; miafanohitse amy zay iareo le te-hahisake amy ty maso iareo vaho hahazo amy ty
arofo iareo, le hitolike, va Raho hagnafake aiereo."[41]Isaia nitalily reo raraha reo satria hisane ty asy ndre Jesosyt
le nitsara mikasike Aze. [42]feie na zay kea, le maro tamy reo mpanapake ro natoke ahy ndre Jesosy; te noho reo
Fariseo, le tsy nagnina zay iareo soa tsy ho voasake ho ao amy ty synagoga. [43]Tea iareo vatagne ty fiantsa bak'amy
ty ndaty noho ty fiantsa bak'amy ty Andragnahare.[44]Jesosy nikaike mafe le nitsara tihoe: "Ze raike matoke Ahike,
ko mataoke Ahike arere avao te Ie ze nagnirake Ahike, [45]Vaho ze raeke mahisake Ahike le mahisake Aze ze


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nagniarake Ahike.[46]Raho le avy manahake ty hazava tetoy amy zao tontolo zao, soa tsy hitoetse ao ampo ty ike ze
mino Ahike. [47]Laha misy mahajanje ty tsarako feie tsy mitao zay, le tsy hitsara aze Raho; satria Raho tsy avy
hitsara zao tontolo zao, te hagnavotse zao tontolo zao.[48]Ze mandà Ahike naho tsy mandray ty tsarako, le mana
raeke ze mitsara aze. Iaze tsara ze nitaliliko ro hitsara aze amy ty andro farane. [49]Te Raho tsy mitsara ho Ahike, te
iaze Rae ze nagnirake Ahike, ze magnome Ahike ty lily amy ze ho atalily naho ho tsarae,. [50]Haintso te ty liline le
fiaigna zisikam-parane arake ze nitalily ty Rae tamiko."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 13

[1]Vaho andro mialoha ty firavoravoa ty Paska zao. hay ndre Jesosy te av ty lere hialane eto amy zao tontolo zao le
handeha agne amy ty Rae. Lafa nitea ty mpiara-dia tamine teto amy zao tontolo zao Reke, le nitea aiereo hatramy
ty farane. [2]Vaho devole le fa nampipoke zao tao an-tsay ndre Jodasy Iskariota ana ndre Simona, le ty hamadiha
ahy ndre Jesosy.[3]Reke le nahay te ty raraha iaby le fa napetraky ty Rae teo am-pelatagnane vaho Reke le bak'amy
ty Andragnahare vaho himpoly agne amy ty Andragnahare. [4]Nitsanga Re teo am-pitava vaho nangalake ty
akanjone ambalike. Bak'eo Reke nangalake lamba vaho nisalotse zay. [5]Bak'eo nagnily rano tao ampo vatavo Reke
le nanomboke nanasa ty tombo reo mpianatse vaho namafa aiareo tamy iaze lamba nisikinane.[6]Namonje ahy
ndre Simona Petera Re, vaho nanao tihoe Petera ramine: "Tompo, hanasa ty tomboko zao Riha?" [7]Jesosy namale
vaho nitsara tamine tihoe: "Ze ataoko le mboe tsy ho azonao zao ty dikane, te ho azonao avao zay agne afara."
[8]Nanao tihoe Petera: "Tsy hanasa ty tomboko zao Riha." Jesosy namale aze tihoe: "Laha tsy manasa ty tombonao
Raho, le tsy mana anjara ato amiko riha." [9]Nanao tihoe Simona Petera tamine: "Tompo ka tomboko avao ro sasa,
te ty tagnako naho ty lohako avao kea."[10]Nanao tihoe Jesosy tamine: "Ze fa nandro le le tsy mila zay, ankoatsy ty
manasa tomboke avao, te rele fa malio iaby; riha le malio, fa tsy iaby." [11](Satria fa hay ndre Jesosys tihoe ia iaze
hamadike Aze; zay ro antone nitaliliane tihoe: "Tsy nareo iaby ro malio.")[12]Lafa baka nanasa ty tombo iareo
Jesosy naho nangalake reo lambane le nitoboke ndraeke, le nanao tihoe Reke tamy iareo: "Hainareo vao ty
nataoko ho anreo? [13]Kaihinareo Raho tihoe 'mpampianatse' naho 'Tompo,' vaho to ty voatlilinareo, satria zay
vatagne Raho. [14]Feie laha Raho, naho Tompo ro mpampianatse, ro nanasa ty tombonareo, nareo avao kea le
tokone hifanasa ty tombonareo. [15]Satria fa nagnome ohatse ho anreo Raho le soa tokone hanao manahake ze
nataoko ho anareo avao kea nareo.[16]Atalilko aminareo, to, le vatagne to, te ty mpiasa le tsy bey noho ty tompone;
na kea ty mpinday hafatse le tsy bey noho iaze nagnirake aze. [17]Laha hainareo reo raraha reo, le ho tahy nareo
laha magnatanterake zay. [18]Tsy nareo iaby ro tsaraiko; haintsi reo ze nifiliko----Te zay le hahatanterake ty Soratse
Masy tihoe: 'Ze mihina ty mofoko le nanondrotse ty voli-tombone hamadike Ahike.'[19]Atalilko aminareo zao zay
mialoha ty hisehoane soa lafa miseho zay, le mete hatoky nareo te raho ro Ie[20]Atalilko aminareo, to, le to vatagne,
te ze mandrambe ze nirahiko, le mandrambe Ahike, vaho ze mandrambe Ahike, le mandrambe Aze ze nagnirake
Ahike."[21]Lafa nnitalily zay Jesosy, le ningorohoro ty fagnahine, nagnambara Reke vaho nitalily tihoe: Atalilko
aminareo, to, le to vatagne te hisys raeke aminareo hamadike Ahike." [22]Nifagnete reo mpianatse, nagnontane vata
tihoe ia zay nitaliliene zay.[23]Nisy raeke tamy reo mpianane, ze tea ndre Jesosy, nitoboke teo ammy ty latabatse
ampita ndre Jesosy. [24]Namonje io mpianatse io Simona Petera vaho nitalily tihoe: "Agnontaneo Aze tihoe ia zay
ataliliene zay." [25]Le nimple nianky tamy ndre Jesosy reke vaho nitalily tamine tihoe: "Tompo, ia zay?"[26]Bak'eo
Jesosy namale tihoe: "Iaze raeke ze handognako naho homeiko toy mofo toy zay." lafa nilognane ty mofo, le
nomeine ahy ndre JOdasy ana Ndre Simona Iskariota zay. [27]Vaho tafara ty mofo, le nizilike tao amine satana, le
nanao tihoe Jesosy tamine: "Ze ataonao, ataovo malake zay."[28]Tamy ze reo iaby teo an-databatse tsy nisy nahay ty
antone nitalilia ndre Jesosy aze zay, [29]Ty ialane nieritseritse tihoe, satria Jodasy ro nitajake ty kitapondrala, ro
nitalilia ndre Jesosy tamy tihoe: "Vilio raraha iaby ze mpaiavintika amy ty andro firavoravoa," na tihoe tokone
hagnome raraha ho ahy ty mijale reke. [30]Laha vao baka nandrambe ty mofo Jodasy, le lasa niboake reke. Halike ty
andro tamy zay.[31]Lafa lasa Jodasy, le nanao tihoe Jesosy: "Henane zao le omeonkasy ty Anagn'Ondaty, vaho
Andragnahare le omean-kase ao amine. [32]Andragnahare le hagnome ase Aze ao amy ty vatane, vaho Reke
hagnome ase Aze eo noho eo. [33]Ty ajaja malinike, fotoa fohike sisa ro hiarahako aminare. Hipay Ahike nareo,
vaho arake ze nitaliliko tamy ty Jiosy tihoe: 'Ze andenako, tsy azonareo andena.' Vaho taliliko aminareo kea zay
henane zao.[34]Lily vaovao ro omeiko anareo, le ty hifankateavanareo; manahake ty nitiavako anareo, ro tokone
hifankateavanareo avao kea. [35]Amy zay ro hahafantara iaby te mpianatso nareo, laha mifankatea nareo."[36]Nanao
tihoe Simona Petera tamine: "Tompo, te andeha ho aia Riha?" namale Jesosy tihoe: "Ze andenako, le tsy afake
hagnarahanareo Ahike zao, te hagnarake nareo agne afara ." [37]Le nanao tihoe Petera tamine tihoe: "Tompo,
Nanao akore raho ro tsy afake magnarake Anao zao? Hafoeko ho Anao ty fiaiko." [38]Le namale Jesosy tihoe:
"Hafoenao ho Ahike vao ty fiainao? Atliliko aminao, to, le to vatagne, te mbe tsy hagneno avao ty akoho le fa
handà Ahike in-telo riha."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 14

[1]"Ko apoke hangorohoro ty arofonareo. Matokia ahy ty Andragnahare nareo, le matokia Ahike kea. [2]Misy efitsy
maro ao an-tragno ty Raeko. Laha ohatsy le tsy zay, le fa nitsara taminareo Raho, te hagnoma toera ho anareo.
[3]Laha handeha Raho vaho hagnoma toera ho anreo, le himpoly ndraeke Raho vaho handrambe anareo ato
Amiko, le ze misy Ahike le hisy anareo kea.[4]nareo maha ze andenako." [5]Nanao tihoe Tomasy tamy ndre Jesosy:
"Tompo,Tsy hainay ze andenanao, nanao akore ro hahaizanay ty lala?" [6]Nanao Jesosy tamine: "Raho ro lala,
fahamarigna, vaho fiaigna; tsy misy mamonjy ty Raeko laha tsy amy ty alalako. [7]Laha nahay ahike nareo, le
tokone ho nahay ty Raeko kea. Manomboke zao le hainareo Reke vaho fa hisanareo."[8]Nanao tihoe Filipo, aseho
anay ty Rae, le ampe ho anay zay." [9]Nanao tihoe Jesosy tamine: "fa hatra ty ela ro niarahako taminare le mboe tsy
hainareo avao vao raho, Filipo? Na ia na ia nahisake Ahike le nahisake ty Rae. Le manaoa akore ro hitsaranareo
tihoe: 'Aseho anay ty rae'?[10]Tsy matoky vao nareo te ao amy ty Rae Rahi vaho ty Rae ato Amiko? Reo tsara ze
atalilikoaminareo le tsy atililiko bak'amy ty fahefako manoka, te iaze Rae velo ato ampoko ro manao ty asane.
[11]Minoa Ahike te raho le ao amy ty Rae, vaho Rae ato amiko, laha tsy zay le minoa no reo asa manoka.[12]Atililiko
aminareo, to, le to vatagne, ze matoke Ahike le hanao asa ze ataoko, vaho hanao asa befoloay mihoatse noho rey
re satria ho agne amy ty Rae raho. [13]Na ino na ino angatahinareo amy ty Agnarako, le tanterahiko zay soa
hagnomezan-kase ty Rae ao amy ty Anake. [14]Laha mangatake raraha amy ty agnarako nareo, le ho vitaeko zay.
[15]Laha tea Ahike nareo, le hitao reo liliko, [16]vaho hivavake amy ty Rae Raho, le hagnomey anareo mpampahere
hafa Reke soa ho eo amianreo san'andro reke--- [17]ty Fagnahy ty fahamarigna. Tsy afake mandrambe Aze zao
tontolo zao satria tsy mahisake na mahay aze. Te nareo kea mahay Aze, satria mitoetse miarake aminareo Reke
vaho ho ao amponareo.[18]Tsy hagnenga anareo ho arere raho; mboe himpoly atoy aminareo Raho. [19]Afake fotoa
kele avao le tsy hahisake Ahike sase zao tontolo zao, te nareo mahisake Ahike. Satria velo raho, le ho velo avao
kea nareo. [20]Vaho amy zay andro zay le ho hainareo te ao amy ty Raeko Raho, vaho nareo ato Amiko, vaho Raho
ao aminareo.[21]Ze mana reo liliko le mitao regny le reke iaze tea Ahike, vaho ze tea Ahike le ho teavy ty Raeko kea,
vaho Raho hitea aze naho hiseho aminareo." [22]Nanao tihoe Jodasy (Tsy Iskariota) tamy ndre Jesosy tihoe: "Tompo,
nanao akore riha ro himboake aminay te tsy amy zao tontolo zao?"[23]Jesosy namale vaho nitalily tamine tihoe:
"Laha misy ndaty tea Ahike, le hitao ty tsarako reke. Hitea aze ty Raeko, vaho ho avy amine Zahay vaho
hagnamboatse ty fitoera miarake amine. [24]Te ze tsy tea Ahike le tsy mitao ty tsarako. Ty tsara ze janjinareo le tsy
bak'amiko te avy amy ty Rae ze nagnirake Ahike.[25]Fa nitsaraiko taminareo reo raraha reo, laha mboe nijano
niarake taminareo Raho. [26]Feie, iaze mpampahere---iaze Fagnahy Masy, ze hirahy ty Rae amy ty Agnarako_reke ro
hampianatse anareo ty zaka-iaby naho hampatiaro ze iaby nitaliliko taminareo. [27]Fiadagna ro apoko ho anareo;
omeiko anareo ty fiadagnako. Tsy omeiko ohatse ty fagnomeza zao tontolo zao zay. Ko apoko hangorohoro ty
arofonareo, vaho ko matahotse.[28]Fa janjinareo Raho nitsara taminareo tihoe: 'Andeha Raho, vaho himpoly agne
aminareo ndraeke.' Laha nitea Ahike nareo, le tokokne hiravoravo satria handeha agne amy ty Rae Raho, satria
ty Rae le bey vatagne noho Raho. [29]Vaho nitsaraiko anreo laha mboe tsy miseho zay, soa hatoke nareo, lafa miseho
zay, [30]Tsy hitalily maro aminareo sase Raho, te fa ho avy ty mpanapake zao tontolo zao. Tsy mana fahefa Amiko
reke, [31]te soa hahaiza zao tontolo zao te teako ty Rae, le ataoko manahake ty nandilia ty Rae Ahike. Andao
hitsanga tika vaho hiala etoy."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 15

1"Raho ro vatagne voaloboke, vaho ty Raeke ro mpambole. 2Afahane ato amiko ty sampana iaby ze tsy mamoa
voankazo, vaho firaine ty sampane ze mamokatse soa hamoa voankazo maromaro vatagne zay.3Fa malio nareo
noho iaze hafatse ze nitaliliko taminareo. 4Mitoboha ato amiko, vaho Raho aoa aminareo. Manahake ty sampane
tsy afake mamokatse voankazo amy tyvatane laha tsy mitoboke ao amy ty voaloboke zay, le manahake zay kea
nareo, laha tsy mitoetse ao amiko.5Zao ro voaloboke, nareo ro sampana. Ze mitoboke ato Amiko vaho Raho ao
Amine, le mamokatse maro reke, te laha tsy misy Ahike le tsy mahavita na ino na ino nareo. 6Laha misy ndaty tsy
mitoetse Amiko, le haria manahake ty sampa revaho halazo, vaho iareo mamore reo ratsane vaho magnary zay
agne amy ty afo, vaho may iareo. 7Laha mitoetse ao Amiko nareo, vaho laha mitoetse ao aminareo reo tsarako'
angataho na ino na ino irinareo, le ho atao aminareo zay.8Ty Raeko le omean-kase amy zao, le ty hamokaranareo
voankazo maro vatagne le ho porofo te mpianatso nareo. 9Manahake ty nitiava ty Rae Ahike, ro nitiavako anareo.
Mitoera ao amy ty fitiavako.10Laha mitao reo liliko nareo, le hitoboke amy ty gitiavako, manahake ty nitaoako reo
lily ty Raeko naho nitoerako tao amy ty fitiavane. 11NItalily regny raraha regny taminareo Raho soa ho ao
aminareo ty fifaleako vaho soa ho feno ty fifaleanareo.12Zao ro liliko, le hifankateavanareo manahake ty nitiavako
anareo. 13Tsy misy manam-pitiava bey mihoatse noho zao, le ty magnome ty fiaine ho ahy reo ragnine.14Namako
nareo laha manao reo raraha andiliako anareo reo. 15Tsy hikaike anareo tihoe mpiasako sase Raho, satria ty
mpiasa le tsy mahaya ze atao ty tompone. Nikinaiko tihoe namako nareo, satria ty raraha iaby ze henoko tamy ty
Raeko le nampahafantariko anareo.16Tsy nifile Ahike nareo, Te raho ro nifily anareo vaho nanendre anareo soa
andeha le hamokatse, vaho soa tokone hitoetse ty vokatsareo. Natao zay soa na ino na ino angatahinareo amy ty
Rae amy ty Agnarako, le homene anareo zay. 17Rey raraha regne ro andiliako anareo soa hifankateavanareo.
18Laha malay nareo zao tontolo zao, hainareo te nalay Ahike reke taloha ty nagnalagnane anareo. 19Laha bak'amy
zao tontolo zao nareo, le ho tea zao tontolo zao manahake ty aze nareo. Te satria tsy ahy zao tontolo zao nareo
vaho nifiliko hiala amy zao tontolo zao, noho zay le hejy zao tontolo zao nareo.20Tiarovo ty tsara nitaliliko
taminareo tihoe: 'Ty mpiasa le tsy bey noho ty tompone.' Laha nagnenjeke Ahike iareo, le hagnenjeke anareo kea;
vaho laha nitao ty tsarako iareo, le hitao ty anareo kea. 21Hanao reo raraha iaby reo aminareo iareo noho ty
Agnarako, satria tsy hay iareo Reke ze nagnirake Ahike. 22Laha tsy avy naho nitsara tamy iareo Raho, le tsy nanao
rate iareo, te henane zao tsy afa-miala amy ty haratiane iareo.23Ze malay Ahike le malay ty Raeko avao kea. 24Laha
tsy nahavita reo asa ze tsy natao ty ndaty hafa teo agnivo iareo Raho, le tsy ho nanan-keloke iareo, te henane zao
fa sade hisanew ro hejine Raho naho ty Raeko. 25Te zay le soa hahatanterake ty tsara ze voasoratse ao amy ty
lalàgna iareo tihoe: 'Malay Ahike amy ty tsy dikane iareo.'26Lafa ho avy iaze Mpampahere---ze hirahiko aminareo
bak'amy ty Rae, iaze, Fagnahy ty fahamarigna, ze miboake bak'amy ty Rae---le hagnambara ty mikasike Ahike
Reke. 27Nareo avao kea le mitsanga vavolombelo satria faniarake tamiko nanomoboike tamboalohane nareo.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 16

1"Nitaliliko taminareo zay raraha iaby zay soa tsy ho lavo nareo. 2Ho roahy iareo ao amy ty synagoga nareo. Te
avy ty andro lafa hihevitse ze iaby mamono anareo te iareo le magnomey raraha soa ho ahy ty Andragnahare.3Ho
atao iareo zay satria tsy maha ty Rae na ty vatako iareo. 4Nitaliliko anareo reo raraha reo soa lafa avy ty lera
iareo, le ho tiaronareo te fa nitaliliko taminareo ty mikasike aiereo. Tsy namabarako taminareo reo raraha reo
tagne amboalohane, satria teoi aminareo Raho.5Te henane zao ho agne amy iaze nagnirake Ahike Raho tsy boe
nisy nagnontane Ahike nareo tihoe: "handeha ho aia moa Riha?" 6Te satria nitaliliko taminareo reo raraha reo, le
alahelo ro nameno ty aronareo. 7Te Ataliliko to aminareo, soa vatagne ho anreo ty handenako. Satria laha tsy
mahdeha raho, le tsy ho avy aminareo ty mpampahere, te laha mandeha Raho, le handefa aze ho aminareo.8Lafa
avy re, le hagnaporofo amy zao tontolo zao ho diso mikasike ty fahota, ty fahamarigna, vaho mikasike ty Fitsar__
9mikasike ty haratia ty mpampahere, satria tsy matoke Ahike iareo; 10mikasike ty fahamarigna, satria holy agne
amy ty Rae Raho, le tsy ho hisanareo sase;11 vaho mikasike ty fitsara, satria ty mpanapake zao tontolo zao le
nitsaraigne.12Mana zaka maro hambara aminareo Raho, te tsy ho azanareo ty dikane zay zao. 13Feie, lafa avy reke,
Fagnahy ty Fahamarigna, le hitarike anareo ho amy ty fahamarigna iaby, satria tsy hirehake bakamy ty vatane
reke. Te hitalily ze iaby regny reke, vaho hitalily aminareo reo ze ho ave. 14Hagnome asy Ahike re, satria ty
bak'amy ty Ahike avao ro hataliline aminareo.15Ze iaby ana ty Rae le Ahike. Noho zay, nitsara Raho te iaze
Fagnahy le hangalake amy zay Ahike vaho hitsara zay aminareo. 16Afake fotoa fohike le tsy hahisake Ahike sase
nareo, vaho afake fotoa fohike hafa le hahisake Ahike ndraeke nareo."17Bak'eo ty sasane tamy reo mpianane
nifampirehake tihoe: "Ino vaho zay taliline antika zay tihoe: 'Afake fotoa fohike le hahisake Ahike sase nareo
vaho afake fotoa fohike hafa le hahisake Ahike ndraeke nareo,'Naho tihoe: 'Satria ho agne amy ty Rae Raho'?"
18Noho zay le nanao tihoe iareo: "Ino vaho zay ataliline zay tihoe: 'afake fotoa fohike'? tsy hainay ty teane
hambara."19Hisa ndre Jesosy te-hagnontane Aze iareo, le nanao tihoe RE tamy iareo: "Zao vao ro agnontaneanareo
tegna, le ty teako hatalily amy ty firehafa tihoe: 'Fotoa fohike naho tsy hahisake Ahike sase nareo, vaho afake
fotoa fohike ndraeke feie le hahisake Ahike nareo'? 20Ataliliko aminareo, ty to, le to vatagne, te hitomagne nareo
vaho hitoreo, te zao tontolo zao kea hifale. ho feno alahelo nareo, feie ho lasa fifalea zay alahaelonareo zay. 21Lafa
mihetsi-jaza ty ampela raeke le malahelo satria avy ty fotoane, te lafa terake kea iaze ajajakele, le tsy tiarone sase
ty alahaelome noho ty hafaleane te nisy ajajakele terake eo amy zao tontolo zao.22Le malahelo nareo henane zao,
feie raho mboe hifakahisake aminareo ndraeke, vaho ho fale ty arofonareo, vaho tsy hisy hagnafake zay
hafalianareo zay aminareo. 23Amy zay andro zay le tsy hangatake amiko na ino na ino nareo. Ataliliko aminareo,
ty to, le to vatagne, laha mangatake na ino na ino amy ty Rae amy ty tahinako nareo, le homeiko anareo zay.
24Hatramy zao tsy mboew nangatake na ino na ino tamy ty agnarako nareo. Mangataha, le homea nareo soa ho
feno ty hafalianareo.25Fa nitaliliko taminareo tamy ty fagnohara reo raraha reo, te avy ty ora lafa tsy hiresake
aminareo amy ty fagnohara sase Raho, te kea hitalily aminareo mazava ty mikasike ty Rae26Amy zay andro zay le
hangatake amy ty agnarako nareo vaho tsy hitalily anareo Raho tihoe hivavake amy ty Rae ho anareo, 27te ty Rae
ro tea anaoreo satria nitea Ahike nareo vaho nataoke te bak'agne amy ty Rae Raho. 28Bak'amy ty Ray Raho, vaho
avy tetoy an-tane. Te hagnenaga zao tontolo zao Raho vaho ho agne amy ty Rae."29Nanao tihoe ty mpianane
tamine: "Vaho henane zao Riha mitsara mazava soa vaho tsy mampiasa fagnohara. 30Hainay henane zao te mahay
ty raraha iaby Riha, vaho tsy misyhametrake fagnontanea aminao. Noho zay, le matoke zahay te avy amy ty
Andragnahare Riha. 31Namale aiereo Jesosy tihoe: "Mino amy zay vao nareo?32Ingo, avy zao ty lera, eka, avy
vatagne, lafa hiparitake nareo, ty kiraikiraike sambe agne amy ty tragnone iaby manoka, le haponareo arere
Raho. Feie tsy arere Raho satria miarake amiko ty Rae. 33Fa nitaliliko taminareo reo raraha reo soa hanagna
havotora ato Amiko nareo. Managn'olana nareo eto amy zao tontolo zao, feie mahereza: fa nandrese zao tontolo
zao Raho."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 17

[1]Lafa baka nnitsara reo raraha reo Jesosy, le nampiakatse ty fanjone ho amy ty lagnitse Reke le nanao tihoe: "Rae,
avy ty fotoa, mankalazà ty Anagnao soa hankalaza ty Anake Anao_ [2]manahake ty nagnomezanao aze fahefa
ambone ty nofotse iaby soa hagnomeza fiaigna zisikam-parane ho ahy ze iaby nomenao Aze.[3]Zao ro fiaigna
zisikm-parane: le ty ahahaiza iareo Anao, iaze Andragnahare toka sade to, vaho Reke ze nirahinao, le Jesosy
Kristy. [4]Nankalaza Anao raho tetoy an-tane. fa vitako ty asa ze nomeinao Ahike ho ataoko. [5]Amy henane zao, Rae,
hankalazao miarake amy ty vatanao raho amy ty asy ze nanagnako niarake tamina taloha ty namorogna zao
tontolo zao.[6]Nampahafantse ty agnaranao tamy ty ndaty ze nomeanao Ahike bak'amy zao tontolo zao Raho. Anao
regny, vaho nomeanao Ahike, vaho vaho nitaone ty tsaranao. [7]Amy henane zao hay iareo te ty aminao, [8]satria
nomeiko aiero iaby ty tsara ze nomeanao Ahike. Nirambesy iareo regny vaho haine to vatagne te avy taminao
raho, vaho natoke iareo te Riha ro nagnirake Ahike.[9]Mivavake ho aiereo raho. Tsy mivavake ho ahy zao tontolo
zao Raho te ho ahy reo ze nomeinao ahike, noho iareo Anao. [10]ty raraha iaby ze Ahike le Anao, vaho ze Anao le
Ahike, vaho hankalazay amy regny Raho. [11]Tsy amy zao tontolo zao sase Raho, te reo ndaty reo le etoy amy zao
tontolo zao, vaho mamonje anareo Raho. Rae Masy, Tanno amy ty tahinanao ze nomeanao Ahike iareo soa hiharo
ho raike, manahake ty maha raeke antika.[12]Laha mboe teo amy iareo Raho, nitanjake aiereo tamy ty tahinanao, ze
nomeanao Ahike. Niareo Raho, vaho tsy nisy rombake na rake, ankoatsy ty anagny ty faharombaha avao, soa ho
tanterake ty Soratse Masy. [13]Vaho ho agne aminao Raho, te mitalily reo raraha reo amy zao tontolo zao Raho soa
hahatanterake ty hafaleako ao amy iareo. [14]Fa nomeako aiereo ty tsaranao, nihejy zao tontolo zao iareo satria tsy
bak'amy zao tontolo zao, manahake Ahike tsy ahy zao tontolo zao.[15]Raho le tsy mangatake Aminao ty hangalake
aiereo amy zao tontolo zao, te ty soa hiarovanao aiereo amy iaze rate. [16]Iareo le tsy ahy zao tontolo zao,
manahake Ahike tsy ahy zao tontolo zao. [17]Hamasiggo amy ty fahamarigna.[18]Manahake ty nagnirahanao Ahike ho
amy zao tontolo zao, ro nagnirahako aiereo ho amy zao tontolo zao avao kea.[19] Te noho ty fitiavako aiereo ro
nagnamasignako ty vatako, soa hagnamasigna ty vata iareo amy ty fahamarigna avao kea.[20]Raho le tsy mivavake
ho ahy reo avao, te ho ahy reo ze hatoke Ahike amy ty alala ty tsara iareo kea [21]soa ho raeke avao iareo iaby,
manahake anao, Rae, ato amiko, vaho Raho ao aminao mivavake Raho soa ho amintika avao kea iareo soa hinoa
zao tontolo zao te nagnirake Ahike Riha.[22]Ty voninahitse ze nomeanao Ahike, le nomeako aiereo, soa ho raeke
iareo, manahake ty maha raeke antika. [23]Raho ao amy iareo, vaho Riha ato amiko__le ho vatagne raeke vatagne
iareo, soa ho hay zao tontolo zao te nagnirake Ahike Riha, vaho nitea aiereo manahake ty nitiavanao Ahike.
[24]Baba, reo ze nomeanao Ahike le teako hiarake amiko na aia na aia misy Ahike, vaho hahisake ty hasiko, yaze asy
ze nomeaao Ahike satria nitea Ahike ZRiha taloha ty namorogna zao tontolo zao.[25]Baba marene, tsy nahay Anao
zao tontolo zao, te Raho mahay Anao; vaho iareo mahay te nagnirake Ahike Riha. [26]Natoroko aiereo ty
tahinagnao, vaho mboe ho hatoroko zay soa ho ao amy ty iareo ty fitiava ze nitiavanao Ahike, vaho Raho ho ao
amy iareo."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 18

[1]Tafara ty nitsara ndre Jesosy reo tsara reo, le niboake niarake tamy reo mpianane Reke ho egne ampita egne amy
ty vavabaibon-driake ahy ndre Kidrona, ze nisi baibo nizilihane naho reo mpianae. [2]Vaho Jodasy ze hamadike
ahy ndre Jesosy, nahay ty toera kea, satria nandeha matetike tegne Jesosy naho reo mpianane. [3]Bak'eo Jodasy,
nitarike reo antoko miaramila naho reo mpiambe raraha ilane baka'my reo loha ty mpisoro naho Fariseo,
nandeha tagne niarake tamy ty jiro, fanala vaho zaka fialia.[4]Bak'eo Jesosy, ze fa nahay ty zaka iaby hiseho Amine,
nandroso teo aloha vaho nagnontane aereo tihoe: "Ia ro mpaiavinareo?" [5]Namale Aze iareo tihoe: "Jesosy
bak'agne Nazareta." Vaho nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Raho ro Ie." Jodasy, ze namadike Aze, le nitsanga
niarake tamy reo miaramila avao kea.[6]Lafa nitsara tamy iareo Reke tihoe: "Raho ro Ie", le nihemotse iareo le lavo
tamy ty tane. [7]Bak'eo ndraek le nagnontane aiereo Reke tihoe: "Ia ro mpaiavinareo?" Vaho nirehake ndraeke iareo
tihoe: "Jesosy bak'agne Nazareta."[8]Jesosy namale tihoe: "Nitsara anareo Raho ro Ie. Noho zay laha mipay Ahike
nareo, le apoho reto handeha." [9]Zay le soa hahatanterake ty tsara ntaliline tihoe: "Amy reo ze nomeanao Ahike tsy
nasiako rombake na raeke."[10]Bak'eo Simona Petera, ze nana meso bey, namoake zay vaho namofoke iaze mpiasa
ty mpisorobey le nahatapake ty sofy ankavana. Vaho Malko ro agnara iaze mpiasa. [11]Nanao tihoe Jesosy tamy
ndre Petera: "Ampolio ao amy ty tragnone ty mesonao. Tsy tokone hino ty kapoake ze nomea ty Ahike va
Raho?"[12]Noho zay reo antoko miaramila naho ty kapitene, vaho reo mpiambe raraha reo Jiosy, le nisambotse ahy
ndre Jesosy vaho nandrohy Aze. [13]Nandesy reo tagne amy ndre Anasy Reke Aloha, satria reke le rafozan-dahy
ndre Kaiafa, ze mpisorobey tamy io tao io. [14]Vaho Kaiafa le iaze nagnome hevitse reo Jiosy te soa vatagne laha
misy ndaty raeke mate ho ahy ty vahoake.[15]Nagnarake ahy ndre Jesosy Simona Petera, vaho nanao manahake zay
avao kea ty mpianatse raike hafa. Vahho hay iaze mpisorobey zay mpianatse zay, vaho nizilike niarake tamy ndre
Jesosy tao amy ty tokontane ty mpisorobry reke; [16]te Petera le nitsanga tao ambaliky ty vavahade. Noho zay iaze
mpianatse hafa, ze hay ty mpisorobey, le niboake le niresake tamy iaze mpiasa ampela ze mpiambe ty vavahade
vaho nanday ahy ndre Petera hizilike.[17]Bak'eo iaze mpiasa ampela, mpiambe ty vavahade, nitsara tamy ndre
Petera tihoe: "Riha kea vao tsy raeke amy ty mpianats'io lehilahy io?" Nanao tihoe reke: "Tsy ie Raho.' [18]Vaho
nitsanga teo reo mpiasa naho reo mpimbe raraha, vaho nandrehitse afo iareo, satrtia nanitsy ty andro; le nafana
ty vata iareo. Petera kea niarake tamy iareo, nitsanga teo vaho nagnafana ty vatagne.[19]Nagnontane ahy ndre
Jesosy mikaasike reo mpianane naho ty fampianarane ty mpisorobey. [20]Jesosy namale Aze tihoe: "Nitsara
mibaribaary tamy zao tontolo zao Raho. Nampianatse san'andro tao amy ty synagoga naho tao amy ty tempoly
Raho ze nifampintaogna ty Jiosy iaby. Tsy nisy nitaliliko tamy ty tako. [21]Nanao akore riha ro nagnontane Ahike?
Agnontaneo ahy reo ze nahajanje Ahike mikasike ze nitaliliko. Vambao, reo ndaty reo mahay ze nitaliliko[22]Lafa
baka nitsara zay Jesosy, le nisy raeke tamy reo mpiamby raraha nitsanga teo namofoke tampife ahy ndre Jesosy
vaho nitsara tihoe: "Zay vao ro fomba hamalianao ty mpisorobey? " [23]Jesosy namale aze tihoe: "Laha nitsara zaka
diso Raho,mitsangana vavolombelo amy zay diso zay, te laha to, nanao akore riha ro mamofoke Ahike?" [24]Bak'eo
Ansy nandefa Aze mirohy nandeha agne amy ndre Kaiafa iaze mpisorobey.[25]Vaho nitsanga Petera le nagnafana ty
vatane. Bak'eo nanao tihoe reo ndaty tamine: "Riha kea vao tsy raeke amy reo mpianane?" Nandà zay reke vaho
nitsara tihoe: "Tsy ie raho." [26]Raeke tamy reo mpiasa ty mpisobey, ze longo iaze lehilahy ze nitapahy ndre Petera
ty sofine, nisafa tihoe: "Tsy hisako niarake tamine tao amy ty baibo vao riha?" [27]Bak'eo Petera nandá ndraeke,
vaho eo noho eo le nagneno ty akoho.[28]Bak'eo nitsara iareo bak'ao amy ndre Kaiafa ho agne ampo rova Jesosy.
Mbe maraindray bey ty andro tamy zay, vaho iareo le tsy nizilike tao ampo rova soa tsy ho voalotp te ha hihina ty
Paske. [29]Le niboake teo amy iareo Pilato le nitsara tihoe: "Ino ty fitana andesinareo manohitse toy lehilahy toy?"[30]
Namale iareo vaho nitsara tamine tihoe: "Laha tsy mpanao rate io lehilahy io, le tsy ho nomeanay anao."[31]Noho
zay Pilato nitsara tamy iareo tihoe: "Andesonareo Reke, vaho zakao arake ty lalàgnanareo." Nanao tihoe reo Jiosy
tamine: "Tsy ara-dalà ho anay ty magnome ndaty ho mate." [32]Nitalily zay iareo soa hahatanterake ty tsara ndre
Jesosy ze nitsaraine soa hitalilia tihoe karaza fahatesane manahake ty ino ro hahafatesane.[33]Bak'eo nizilike tao
ampo rova ndraeke Pilato le nikaike ahy ndre Jesosy vaho tamine tihoe: "Riha vao ro mpanjaka ty Jiosy?" [34]Jesosy
namale tihoe: "Magnontane bak'amy ty vatanao vao riha , sa nisy hafa nitsara anao mikasike Ahike?" [35]Pilato
namale tihoe: "Tsy Jiosy raho, sa tsy zay?" Ty vahoakenao naho reo loha ty mpisoro ro nagnome anao tamiko. Ino
ro nataonao?"[36]Jesosy namale tihoe: "Ty fanjakako le tsy bak'eto amy zao tontolo zao. Te laha ao ampo zao tontolo
zao ty fanjakako, le hialy reo mpiasako soa tsy hagnome Ahike amy reo Jiosy. Te henane zao ty fanjakako le tsy
bak'etoy." [37]Bak'eo Pilato nitsara tamine tihoe: " Vao mpanjaka zane Riha?" Jesosy namale tihoe: "Hainasoa te
mpanjaka raho. Te ho amy zay tanjogne zay ro nahaterahako, vaho ho amy zay antone zay ro niaviako eo amy
zao tontolo zao, soa hitsanga vavolombelo amy ty fahamarigna, reo iaby zew ahy ty fahamarigna le mijanje ty
feoko."[38]Pilato nitsara tamine tihoe: "Riha ro atao hoe to? " Lafa baka nitsara zay reke, le niboake ndraeke vaho


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nitsara tamy reo jiosy tihoe: "Tsy mahisake heloke amy toy lehilahy toy raho. [39]Te nareo mana fomba ze hagnafahako ze ndaty raeke ho aminareo amy ty Paske. Noho zay teanareo vao ty hagnafahako aminareo ty mpanjak ty Jiosy? " [40]Bak'eo reo nikoike mafe ndraeke iareo vaho nitsara tihoe: "Tsy io lehilahy io, te Barabasy." Vaho Barabasy le mpangalatse


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 19

[1]Bak'eo nandesy ndre Pilato Jesosy le nifofohine. [2]Nitaly satroke tsilo reo miaramila. napo iareo ty amy ty
agnambo ndre Jesosy zay vaho nampisikine lamba volomparasy Aze. [3]Namonje Aze iareo vaho nitsara tihoe:
"Salama, ty mpanjaka ty Jiosy!" vaho namofoke Aze iareo.[4]Bak'eo niboake ndraeke Pilato le nitsara tamy iareo
tihoe: "Ingo, andesiko aminareo eto ambalike Reke soa hahaizanareo te tsymahisake heloke Amine Raho." [5]Le
niboake Jesosy, nanao iaze fehiloha fatike naho iaze lamba volomparasy. Nanao tihoe Pilato tamy iareo: "Ingo, toy
iaze lehilahy! [6]Lafa hisa ty loha ty mpisoro naho ty manamboninahitse Jesosy, nikoike mafe iareo le nitsara tihoe:
"Fantsiho reke, fantsiho reke!" Le nanao tihoe Pilato tamy iareo tihoe: "Alaonareo reke vaho fantsiho, te raho tsy
mahisake heloke Amine."[7] Namale aiereo Jiosy tihoe: "Mana lalàgna tika, vaho arake ty lalàgna le tokone ho mate
Reke satria mitognom-bata ho Anagne ty Andragnahare." [8]Lafa heno ndre Pilato zay fagnambara zay, le
nihatatahotse reke, [9]vaho nizilike tao amy ty lapam-panjakana ndraeke reke le nitsara tamy ndre Jesosy tihoe:
"Bak'aia ty fiavianao?" Feie tsy nagnome valin-dresake aze Jesosy.[10]Bak'eo Pilato nitsara tamine tihoe: "Tsy mana
atalily amiko vao riha? tsy hainao vao te mana fahefa hagnafake Anao raho, naho fahefa hamatsike Anao?"
[11]Namale aze Jesosy tihoe: "Tsy mana fahefa Amiko riha laha tsy nomea anao bak'agne ambone zay. Noho zay,
reke ze nagnome Ahike taminao le mana heloke befoloay."[12]Tamy zay valin-drehaky zay, le niezake ty hagnafake
Aze Pilato, le nikoike mafe reo Jiosy, nanao tihoe: "Laha afahanao io lehilahy io, le nama ndre Kaisara riha. Ze
iaby manao ty vatane ho mpanjaka le manohitse ahy ndre Kaisara. [13]Lafa heno ndre Pilato reo tsara reo, le
nandesine niboake Jesosy vaho natobonew teo amy ty seza fitsara ze kaihy tihoe "lampivato",te amy ty tsara
Hebreo tihoe "Gabata."[14]Vaho avy ty andro fagnomagna ty Paske, teo amy ty lera faha ene teo. Nanao tihoe Pilato
tamy reo Jiosy: "Ingo, toy ty mpanjakanareo!" [15]Nikoike mafe iareo tihoe: "Apoho Re, apoho Re; Fatsiho Reke!"
Nanao tihoe Pilato iareo: "Tokone hamatsike ty mpanjakanareo vao raho?" Namale reo loha ty mpisoro tihoe:
"Tsy mana mpanjaka ankoatsy ndre Kaiasara zahay." [16]Bak'eo le nomea ndre Pilato aiereo ho fatsihy Jesosy.
[17]Bak'eo nala iareo Jesosy, vaho nandeha niboake reke, nitaranjo ty heteafijalea, ho agne amy iaze toera kinake
tihoe "Toera ty karandoga," ze amy ty Hebreo kinaike tihoe '" Golgota." [18]Nifatishy reo tagne Jesosy, vaho nisy
lehilahy roe hafa niarake tamine, raeke amy ty sisne, vaho Jesosy teo ampagnivoane.[19]Nanoratse famantara avao
kea Pilato vaho napipoke zay teo amy hazofijalea. Zao ro voasoratse teo. JESOSY BAK'AGNE NAZARETA, IAZE
MPANJAKA TY JIOSY.[20]Maro tamy reo Jiosy namake zay famantara zay satria tsy lavitse ty tanà ro misy ty toera
namatsiha ahy ndre Jesosy. Iaze famantara le nisorata tamy ty Hebreo, Latina, vaho Grika.[21]bak'eo reo loha ty
mpisoro ty Jiosy tamy ndre Pilato tihoe: "Kosorata tihoe tihoe: 'Iaze Mpanjaka ty Jiosy,' te aleo tihoe: 'toy raeke toy
le nitsara tihoe: "Raho ro mpanjaka ty Jiosy.'"' [22]Vaho namale Pilato tihoe: "Ze voasoratse le voasorotse."[23]Lafa
nifatsihy reo miaramila Jesosy, nafaha iareo ty lambane, nizara iareo efetse, le sambe mana raeke iaby reo; vaho
iaze akanjo avao kea. Vaho tsy misy zaitse iaze akanjo, te lava raeke avao. [24]Bak'eo nifampirehake iareo tihoe:
"Aleo tsy tatahintika toy, te kea andeha hiloka ahisaha ze mahazo aze." Niseho zay soa hahatanterake ty Soratse
Mase ze mitalily tihoe: "Nifampizara iareo ty lambako vaho nilokane ty fisikinako." Zay ro natao rep miaramila.
[25]Vaho nitsanga teo agnila ty hazofijalea ndre Jesosy ty renine, ty rahavavy ty renine, Maria valy ndre Klopa, vaho
Maria Magdalena. [26]Lafa nahisake ty renine naho reo mpianatse ze teane nitsanga teo agnilane teo Jesosy, le
nitsara tamy ty renine Reke tihoe: Rampela, ingo, ty anandahinao!" [27]Bak'eo nanao tihoe Reke tamy ty mpianatse
tihoe: "Ingo ty reninareo!" Vaho tamy zay lera zay le nala ty mpianatse ho agne amine reke.[28]Tafara zay, lafa
nahay te vita ty zaka iaby le soa ho tanterake ty Soratse Masy, le nanao tihoe Jesosy: "Tahinondrano Raho." [29]Vaho
nisy tavoangy feno divay mandiro nitoboke teo amy io toera io, le nasia iareo divay mandiro ty epoze le le
natohine zay tamy ty hysopa vaho napetapetane tamy fitavane. [30]Lafa nino iaze vinengira Jesosy, le nanao tihoe
Reke: "Fa vita." Naondrine ty ambonine vaho niala ty fagnahine.[31]Satria andro ty fiomana tamy zay, soa tsy hijano
eo amy ty hazofijalea agnte ty Sabata (satria ty Sabata le andro manan-danja manoka) reo havilazy, le nangatake
tamy ndre Pilato reo Jiosy bak'eo, ty hanapahane ty tombo iareo vaho hangala aiereo. [32]Bak'eo namonje reo
miaramila le nanapake ty tombo iaze lehilahy voalohane naho iaze lehilahy faharoe ze voafatsike nirake tamy
nde Jesosy. [33]lafa namoje ahy ndre Jesosy iareo, le nahisake te fa mate Reke, le tsy nitahy iareo ty tombone.[34]Feie,
nisy miaramila raeke nitomboke ty vavafone tamy ty lefo, vaho eo noho eo le nisy lio naho rano nitete. [35]Iaze
raeke ze nahisake zay le nitsanga vavolombelo, vaho yto ty fagnambarane. Haine te to ze nitaliliane soa
hinoanareo avao kea.[36]Te reo raraha reo ro niseho soa hahatanterake ty Soratse Masy tihoe: "Tsy hisy ho tapake
na raeke amy ty taolane." [37]Vaho mbe, misy Soratse masy hafa mitalily tihoe: "Iareo le hagnete Aze ze nitobohy
iareo."[38]Tafara reo rarah reo, Jesefa bak'ao Arimatia, hatramy ty naha-mpiana ndre Jesosy aze (te tao amy ty
mangiky noho ty fatahora reo Jiosy), Nagnontane ahy ndre Pilato laha fake mangalake ty vata ndre Jesosy reke.
Nome ndre Pilato alala reke. Le avy Josefa vaho nangalake ty vatane. [39]Avy tagne avao kea Nikodemosy, reke ze

avy voalohane hagnete ahy ndre Jesosy ty halike igny. Vaho nanday menake magnitse naho vaho reke, teo amy zato litase teo ty fetrane.[40]Le nirambesy iareo ty vata ndre Jesosy vaho namogno zay tamy ty lambam-pate naho zaka-magnitse, arake ty fomba fandevegna Jiosy. [41]vaho teo amy ty toera namatsiha Aze le nisy baibo; vaho teo am,y iaze baibo nisy valavato vaovao ze mboe tsy nandevagna ty ndaty. [42]Satria andro ty fiomagna reo Jiosy tamy zay vaho satria marinike ty valavato, le nalevy iareo tao Jesosy.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 20

[1]Vaho vo maraindray bey ty anadro voaloha ty herignandro, laha mboe maieke igne, le nandeha egne amy ty
valavato Maria Magdalene vaho nahisake iaze vato fa nindriso lavitse iavze valavato reke. [2]Noho zay le nnilailay
reke vaho namonje ahy ndre Simona Petera naho iaze mpianatse hafa ze tea ndre Jesosy, vaho nanao tihoe reke
tamy iareo: "Nala iareo tao amy ty valavato ty Tompo, vaho tsy hainay ze napitoboha iareo Aze."[3]Bak'eo nandeha
niboake Petera naho iaze mpianatse hafa, vaho nandeha agne amy ty valavato iareo. [4]Samby nilailay iareo, vaho
vaho nenga iaze mpianatse hafa malake Petera vaho le reke ro avy voalohane tegne amy ty valavato [5]Bak'eo
niondrike re, vaho nahita iaze lambam-pate nitoboke teo, te tsy mboe nitsofoke tao ampone reke.[6]Avy tafarane
bak'eo Simona Petera vaho nizilike tao am-balavato. Hisane nitoboke teo iaze lambam-pate [7]naho iaze lamaba
natao tegne amy ty ambonine. Tsy nira,nitoboke tamy iareo lambam-pate anefa iaze te nivalo ho aze teo amy ty
toerane.[8]Bak'eo mpianatse raeke hafa, iaze avy voalohane teo amy ty valavato, nizilike tao ampone kea, vaho
nahisake naho natoke reke. [9]Te hatramy io fotoa io iareo le tsy mboe nahay ty Soratse Masy avao te Reke le tsy
maintse hitsanga amy ty mate. [10]Le nimpole tagne an-tragno ndrake reo mpianatse.[11]Te Maria le nitsanga
nitomagne teo ambaliky ty valavato. Laha reke nitomagny igne, le niondrike tao amy iaze valavato. [12]Nahisake
anjele roe misike lamba fote nitoboke reke, ty raeke teo an-doha, vaho ty raeke teo an-tomboke teo amy iaze toera
nampitoboha ty vata ndre Jesosy. [13]Nanao tihoe iareo tamine : "Ampela tia, nanao akore riha ro mitomangny?"
Nanao tihoe reke tamy iareo: "Satria nandesy iareo ty Tompoko, vaho tsy haintso ze nametraha iareo Aze."[14]Lafa
baka nitsara zay reke, le nitolike vaho nahisake ahy ndre Jesosy nitsanga teoa, te tsy haine tihoe Jesosy io. [15]nanao
Jesosy tamine: "Ampele tia, Nanao akore riha ro mitomagne? Te ia to hisanao?" Nataone te iaze mpiambe Reke, le
nanao tihoe reke tamine: "Tompoko, laha Riha ro nangalake Aze, te ho alako agne Reke."[16]Nanao tihoe Jesosy
tamine: "Maria." Nitolike reke, vaho nitsara tamine tamy ty tsara Hebreo tihoe: "Rabôny" (ze midika tihoe:
"Mpampianatse.") [17]Nanao tihoe: "Ko mikasike Ahike, te tsy mboe niakatse agne amy ty Rae Raho, te mandena
agne amy reo rahalahiko vaho tsarao aiereo te hiakatse agne amy ty Raeko naho Rainareo Raho, vaho
Andragnahareko naho Andragnaharenareo." [18]Nandeha Maria Magdalenina vaho nitsara reo mpianatse tihoe:
"Nahisake ty Tompo raho," vaho reo raraha reo reo nitaliline tamine.[19]Vaho hariva tamy zay, tamy io andro io,
andro voaloha ty heregnandro, vaho reo varavarava ze nisy reo mpianatse le nifody noho ty fahatahora reo Jiosy,
namonje Jesosy vaho nitsanga teo ampagnivoa iareo le nitsara aiereo tihoe: "fiadagna ho anareo." [20]Lafa baka
nitsara zay Reke, le nasehone aiereo ty tagnane naho vavafone, fale reo mpianatse lafa nahisake ty Tompo.
[21]Bak'eo Jesosy nitsara aiereo tihoe: "Fiadagna ho anareo. Manahake ty nagniraha ty Rae Ahike, ro hagniraho
anareo kea." [22]Lafa baka nitsara zay Jesosy, le nitioke ty fofo ty fiaine tamy iareo vaho nitsara aiereo tihoe:
"Rambeso ty Fagnahy Masy. [23]Na helogn'ia na helogn'ia avelanareo, le ho voavela iareo; vaho na ia na ia tsy
avelanareo, le tsy voavela iareo."[24]Tomasy, raeke tamy reo folo roa ambe, kinaike thoe Didymo, le tsy niarake
tamy iareo lafa avy Jesosy. [25]Reo mpianatse hafa bak'eo nivola tyamine tyihoe: "Hisanay ty Tompo." Nanao tihoe
reke tamy iareo tihoe: Hisanay ty Tompo." Nanao tihoe tamy iareo: "Laha tsy hisako egne amy ty tagnane ty loake
reo fantsike, vaho mametrake ty rambom-tagnak ao ampo iaze loake reo fantsike raho, vaho mametrake ty
tagnako eo amy ty vavafone, le tsy hino raho."[26]Valo andro tatoy afara le tao ndrake reo mpianane, vaho niarake
tamy iareo Tomasy, namonje Jesosy laha nifody ty varavara, vaho nitsanga niarake teo amy iareo, vaho nitsara
tihoe: "Fiadagna ho anareo." [27]Bak'eo nitsara ahy ndre Tomasy Reke tihoe: "Mamonjea etoy miarake amy ty
tagnanao etoy miarake amy ty vavoniko zay. Ko kele finoa, te minoa."[28]Tomasy namale vaho nitsara Aze tihoe:
"Tompoko naho Andragnahareko." [29]Nanao tihoe Jesosy tamine: "Satria nahisake Ahike riha, le natoke. Vototse reo
ze tsy nahisake, feie matoke."[30]Henane zao Jesosy le nanao famantara maro hafa teo agnatreha reo mpianane,
famantara ze tsy voasoratse tao ampo iaze boke toy, [31]te reo le voasoratse soa hafahanareo matoke te Jesosy ro
Kritsy, Iaze Ana ty Andragnahare, vaho lafa matoke Aze nareo, hahazo ty fiaigna amy ty agnarane.

Chapter 21

1Tafara ewo raraha reo Jesosy le nimboake tamy reo mpianatse ndraeke teo amy ty ranomasy ndre Tiberiase.
Manahake zao ty fomba nisehoane: 2Simona Petera le niarake tamy ndre Tomasy ze kinaike tihoe Didymo,
Natanaela bak'agne Kana agne Galilia, reo ana ndre Zebedio, vaho mpiana ndre Jesosy roe hafa. 3Nanao tihoe
Petera tamy iareo: "handeha hagnarato raho." Vaho nanao tihoe iareo tamine: "Zahay kea, handeha hiarake
aminao." Le lasa iareo vaho nijo tao an-tsambokele raeke, te tsy nahazo na ino na ino iareo agnate ty halike
iaby4Vaho, laha fa mazava ty atignana avao ty andro, le nitsanga teo an-dranomasy Jesosy, te tsy hay reo
mpianatse tihoe Jesosy io. 5Le nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Zatovolahy, tsy manan-ko-hane vao nareo?" Namale
Aze iareo tihoe: "Tsia." 6Nanao tihoe reke tamy iareo: "Atoraho eo amy ty sisine ankavana ty sambokele ty
haratonareo, le hahazo nareo." Le natora iareo ty harato iareo vaho tsy nahavita nampiakatse zay tao nho ty
halahiale ty fia.7Bak'eo nanao tihow iaze mpianatse ze tea ndre Jesosy tamy ndre Petera tihoe: "Ty tompo io." Lafa
heno ndre Simona Petera te ty Tompo io, le nampizilike ty ambone ty ankanjone reke (satria tsy niakanjo reke)' le
nitreka tao ampo ranomasy. 8Reo mpianatse hafa nandeha an-tsambokele (satria iareo tsy lavitse ty tane, teo amy
ty raon-jato metatse teo), vaho nisinto ty harato feno fia. 9Lafa tafiakatse an-tane iareo, le nahisake afo nirehitse
tegne vaho fia teo ambonine, miarake amy ty mofo.10Nanao tihoe Jeosy tamy iareo: "Mandesà fia maromaro amy
reo vao azonareo teo." 11Vaho niakatse Simona Petera le nijsinto an-tanete ty harato ze feno fia bevata; 153.
Vatane maro bey, feie tsy nitatake iaze harato.12Nanao tihoe Jesosy tamy iareo: "Avia hitava maraindray." Tsy nisy
tamy reo mpianatse nahasake namonje Aze tihoe: "Ia moa Riha?" Hay iareo te ty Tompo io. 13Namonje Jesosy,
nandrambe mofo, vaho nagnome zay aiereo, manahake zay kea ty fia. 14Fagnintelone amy io ro nnisehoa ndre
Jeosy tamy reo mpianatse tafara ty nitsanganane tamy ty mate.15Lafa baka nitava iaze mahatanjake maraindray
iareo, le nanao tihoe Jesosy tamy ndre Simona Petera tihoe: "Simona ana ndre Jaona, tea Ahike mihoatse noho
reo vao riha?" Nanao tihoe Petera tamine: "Eka Tompo, hainao te tea Anao raho." Nanao tihoe Jesosy tamine:
"Fahano reo aondriko." 16NItsara tamine Fagnindroane ndraeke Reke tihoe: "Simona ana ndre Jaona, tea Ahike
vao riha?" Nanao tihoe Petera tamine: Eke Tompo, hainao te tea Anao raho." Nanao tihoe Jesosy tamine:
"Karakarao ty aondriko."17Nitsara tamine fagnintelone reke tihoe: "Simona, ana ndre Jaona, tea Ahike vao riha?"
Le nalahelo Petera satria Jesosy nanao intelo tamine tihoe: " Tea Ahike vao riha?" Le nanao tihoe reke tamine:
"Tompo, Riha mahay ty raraha iaby, hainao te tea Anao raho." Nanao tihoe Jesosy tamine: " Fahano ty aondriko."
18 Ataliliko aminao, to, le to vatagne,laha mboe tanora riha, le zatse mampizilike arere ty akanjonao vaho
nandeha tamy zai teanao, te lafa niha-antitse riha, le hagnampatse ty tagnanao, vaho ndaty hafa ro hampiakanjo
anao naho handay anao amy ze tsy teana andehana."19Vaho Jesosy nitalily zay soa hahaizane tihoe amy ty karaza
fahafatesa manaha ty ino ro hagnomeza ndre Petera asy ahy ty Andragnahare. Lafa baka nitalily zay Reke, le
nanao tihoe reke tamy ndre Petera: "Magnaraha Ahike."20Nitolike Petera le nahisake iaze mpianatse ze tea ndre
Jesosy nagnarake aiereo, iaze raeke ze nianke ampita ndre Jesosy avao kea teo amy ty fitava vaho nanao tihoe:
"Tompo, ia iaze raeke hamadike Anao?" 21Nahisake aze Petera vaho nanao tihoe reke bak'eo tamy ndre Jesosy:
"Tompo, ino ro hatao io lehilahy io?"22Nanao tihoe Jesosy tamine: "Laha teako hitoetse reke zisikim-piaviako, le
midika ino zay aminao? Magnaraha Ahike." 23Le niparitake teo amy reo mpiralahy zay tsara zay, te tsy ho mate io
mpianatse io. Feie Jesosy tsy nitalily tamy ndre Petera te tsy ho mate iaze mpianatse hafa, te tihoe: Laha teako
hitotse reke zisiky iaviako, le midika ino zay aminao?"24Reke iaze mpianatse ze nitsanga vavolombelo mikasike
reo raraha reo, vaho haintika te to ty fagnambarane. 25Misy zaka maro hafa kea ze natao ndre Jesosy. Laha
voasoratse kiraikiraike iaby zay, le heveriko te na zao tontolo zao tsy ho ome ty boke ze ho soraty.

# Acts

Chapter 1

1Boke nisorateko talohateo, teofilo, le magnambara iaby ze nata i jesosy naho nampianarene, 2zisike ty andro
nampiboahagnaze, bakeo le nandily ireo Apostoly ze nifiliene tamy ty lala ty Fagnahy Masy Reke. 3Tafara
inijaleaney, le nampalange ty vatagne te velondreke tamy iareo miharo tamy ty porofo lahiale maharese lahatse.
Niharo tamy iareo reke agnate ty efapolo andro, vaoho nitsara ty fanjakan'Andragnahare.4Laha fa nifanoje tamy
iareo Reke, le nandily iareo tsy hiboke ao Jerosalema, fa handigne ty fampandignisa i Baba,momba aze,
nivolagnene tihoe: ''Naharey tamy nareo 5te nanao batisa tamy rano vatagne ty Jaona, fainareo tokone hatao
batisa amy ty Fagnahy Masy ao agnate ty andro tsiampe''.6Laha fa sendra tafahao iareo le nagnontane Aze iareo
tihoe: ''Tompo, Henane zao vao ty hampimpolianao ty fanjaka hoahy Israely?'' 7Reke nanao tihoe tamy iareo: ''Tsy


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nareo ro hahay ty andro na tombok'andro ze nitendre i Baba tamy ty fahefany raike avao. [8]Fanaho fa avy ty Fagny Masy le hahazo hery nareo, ka hanjary ho vavaolombelo eraky Jerosalema naho Jodia manontolo vaho Samaria, naho zisikagne amy farantitane.''[9]Laha fa nivola zane raraha zane ty Jesosy Tompo, le nagnandrandra iareo,nampitiligne Reke, vaho nitakoke Aze tsy nahajilova iareo Aze. [10]Laha mbo nijilo i lagnitsy iareo tamy nandehananey,tampoke teo, nisy roe lahy nitsanga tagnila iareo teo. [11]Nivola iareo tehoe: ''Lahilahy baka Galilia retoa, magnino nareo mitsanga eto mijilo lagnitsy? Igne Jesosy nalae taminareo zay nampitiligne andagnitse agne igne, le himpoly manahake ahisahanareo aze nitiligny andagnitse teo igne[12]Bakeo iareo le nimpoly tagne Jerosalema bakao amy ty vohitsy Oliva, zay agnila i Jerosalema, mira amy ty lia andro sabata raike. [13]Laha faniavy iareo, le nanganike amy tragno ambone aozay nitoboha iareo. Iareo Petera, Jaona, Jakoba, Andrea, Filipo, Tomasy, Bartolomeo, Matio, Jakoba, Anagn'i Alifeo, Simeona Zelota, Vaoho Jodasy anagn'i Jakoba. [14]Niharo horaike iareo iaby, vaho nazoto nivavake, Anisagnizay reo ampela, Marie rene i Jesosy, naho reo rahalahine.[15]Tamy ze andro zay ty Petera le nitsanja tagnivo ireo rahalahine teo, agnivo ty ndaty 120 teo, vaho nivola tihoe: ''Nao ajahireo, vatagne paie ty fahatantera ty Soratse Masy, zay nivolagny Fagnahy Masy taloha tamy ty fitava i Davida momba i Jodasy, zay nitarike ndaty hitsepake i Jesosy.''[17]Fa agnisagny ty raike amintika reke vaho nahazo ty ajarane tamy zao fanompoa zao kea.'' [18](Amizao lahilahy io le nivily tane tamy ty drala niazone tamy ty asaratine reke,vaho nitonta nihoke teo reke, ka nivake naho nipoake ty vatagne, vaho niakatse aby ty tsinaine. [19]Kila ndaty tao Jerosalema naharey zane, vaho nagnomey agnara obaibo io amy ty firehagniareo tihoe: ''Akeldama'', zay tihoe: Baibon-dio.'')[20]Te favoadika ao amy ty Boke i Salamo tihoe: ''Ampoho holany ty baibone, vaho kapoke na le ndaty raike naho hitobokao'; 'Apoho horambese ty ndaty hafa ty asane.''[21]naho zay, le paie, ty raike amy reo lahilahy narake tamintika agnate ty fotoa iaby nilira i Jesosy Tompo naho ty niboahane amintika teo, [22]zisike amy batisa i Jaona ka zisike amy ty andro nibohane amintika eo, le tsy maintsy ho vavaolombe miarake amintika amy ty fitsangananane amy ty mate.'' [23]Vaho nijobo roe lahy iareo, le i Josefa aze atao tihoe Barsabasy, na hoe josto, vaho Matia.[24]Nivavake iareo vaho nanao tihoe: ''Riha, Tompo, ro mahisake ty fo ty ndaty retoa iaby, ka volagno ze hofilienao amy iareo roe [25]mba hangalake ty toera ato amy zao fanompoa zao naho ty maha Apostoly noho ty fandika ndily zay nata i Jodasy handeha hoagne amy ty tane hafagne. Iareo le niloka hoaiareo, vaho Matio ty lany tamy filokagny, vaho voaiake ho Apostoly fololahy raikamby reke.

Chapter 2

[1]Tamity andro ty Pantekosita, nivory tamity toera raike ie iaby. [2]Tsibetebete bakagne andagnitse nisy feo hoe ty
tioke mafe nivovo, naho nameno ty tragno iaby ze nitoera iereo zay. [3]Nisy afo manahake ty lela maro te
nizarazara, naho nitoboke teo ambone iereo kiraikiraike iaby. [4]Ie iaby le lako ty fagnahy masy maro vatane, arake
ty namea ty fagnahy masy hosafae iereo.[5]Naho nisy Jiosy nitoboke tao Jerosalema, Ndaty Nagnahare, bakamity
firene iaby ambane ty lagnitre. [6]Laha fa naharey ze feo zay, le avy ty ira-gnireo vahoake vaho sahiran-tsay satria
ty kirai-kiraike le sambe naharey iereo nitsara tamity safane iaby. [7]Iereo le vere naho gaga; nanao ty hoe:" Mare,
fa tsy iaby ze mitsara reo vao ro Galelia?[8]Nagnino ro maharey iereo tika, amity safantika kirai-kiraike iaby te
naha-foloay antika? [9]Paritiana vaho Mediana naho Elemita, naho reo ze mitoboke agne Mesopotamia, agne Jodia
vaho Kapadokia, agne Ponto vaho Asia, [10]Frygia vaho Pamfylia, agne Egypta naho Lybia zisikagne amy Kyrena,
naho reo mbahiny bakagne Roma, [11]Jiosy vaho Proselyta, Kreatana vaho Arabo, le reintika misafa amity safantika
miomba ty asa foloay ataon'Agnahare.'[12]Iereo le gaga naho vere; naho nifampitalily iereo ty hoe:" Ino ty anto
zay?" [13]Fa ty ilane ze nandatsa vaho nanao ty hoe:" Iereo le mamo ty divay vaovao."[14]Fa i Petera nitsanga niarake
tamiereo raike ambifolo, nagnakatre ty feone, naho nitalily tamiereo ty hoe:" Ty ajalahy Jodea vaho nareo iaby ze
mitoboke eto Jerosalema, ao ho haignareo zao, ambeno ty safako. [15]Ho ahy ty ndaty tsy mamo arake ty
dinegnareo, fa vaho lera fahatelo amity fotoa zao.[16]Fa ezao ty voatalily tamy Joela mpamisavisa: [17]'Amity andro
farane,' Zagnahare manao ty hoe:' Hapoko amity ndaty iaby ty fagnahiko. Ty anadahignareo vaho ty anakampela
nareo le hamisavisa, ty ajagnareo le hahisake paia, naho ty roandria hagnofe nofy.[18]Hoe izay kea ty amireo
mpanompoko lahy vaho mpanompoko vave amireo andro reo. Hapoko ty fagnahiko, naho iereo le hamisavisa.
[19]Zaho le hanoro zaka mahagaga egne amity lagnitre ambone vaho famantara egne amity tane ambane, lio, afo,
naho lemboke.[20]Ty masoandro le hizare ieke naho ty vola hizare lio, aloha ty andro foloay vaho miova hahavia i
Tompo. [21]Naho ty ndaty iaby ze mikaike ty agnaran'Agnahare le ho voa vonje.[22]Nao ty ndaty gny Israele, jigno ze
safa zao: Jesosy bakagne Nazareta, ty ndaty nanoroa anareo tamity alalan'Agnahare mba ho mare amireo asa
foloay, reo hagaga, naho ty famantara ze nanoen'Agnahare tamine tampagnivoa nareo, arake ty hay gny ty
vatagnareo. [23]Ajalahy io le natolo ty miomba anagnahare te le fa vinogno avao vaho ty fahaiane, naho ty tagna ty
mpandika lily vaho nareo, namono aze tamity fipaiha aze tamity hetae fijalea tegne. [24]Fa Zagnahare nagnore re,
nagnafake aze tamity hirifirim-pate, satria sarotre hoaze ty nidiso tamizay.[25]Fa i Davida misafa miomba aze ty
hoe," Nahisake i Tompo tagnoloako zisikagne raho, fa antagnan-kavanako eto Re ka tsy tokone hihozo raho. [26]Le
vatane fale ty foko nirebeke ty lelako. Naho kea ty nofoko hovelo amity fitokia.[27]Fa tsy nienga nao hoagne amity
fiaigna tsy hisake ty fagnahiko naho hamototre ty Rae masignao ho lo riha. [28]Nampahay ahy reo lala ty havelo
Riha; Riha le hameno hafalea ahy amity vatagnao.'[29]Ro rahalahy, afake misafa aminareo ampimarea miomba i
Davida Patriarika: te fa vilasy re ro naleve, naho ty fasane le amintika eto zisikezao. [30]Laha zao, mpamisavisa re
naho haine fa te fa nifanta tamine ty Zagnahare, fa ty fokone ro ho eo amity sezan-droandriane. [31]Le fa hisane zay
le nisafa miomba ty havelo kirisity tamity fatene,' vaho re tsy nenga tao amity havelo tsy hisake ro tsy nanao ty
nofone ho tratre ty haloava.'[32]Jesosy io Zagnahare ro nagnore aze, ka vavolombelo zay zahay iaby. [33]Laha zao laha
fa nakare ty tagnan-kavia Nagnahare Re le nahazo ty fagnahy Masy nampagnategnae bamity Rae, te fa napone
zay, teie hisanareo vaho reignareo.[34]Fa Davida le tsy niakatre agne andagnitre, fa re nanao ty hoe:' Ty Tompo
nisafa tamity Tompoko,"mitoboha antagnako havana eto, [35]mandram-panoako ty fahavalonao ho fisy ty
tombonao."' [36]Laha zao, ao hay ty maro lako ty andromba Israely fa Zagnahare ro nanao Aze ho Tompo vaho
Kirisity, iaze Jesosy navoegnareo."[37]Naho laha naharey zay iereo, voatomboke ty arofo iereo, naho nanao tamy
Petera vaho reo apositoly ilane hoe:" Rahalahy, ino ro tokone hataonay?" [38]Bakeo Petera nanao tamiereo hoe:"
Mibebaha manova batisa, nareo kiraikiraike iaby, amity agnara Jesosy Kirisity ho famotora ty hadisoa nareo,
vaho hangalanareo ty fomea ty fagnahy masy. [39]Fa ty fampagnategna le ho anareo vaho ty anagnareo naho reo
iaby ze lavitre, ka ho lako reo ndaty toe ho kaihe Tompo Zagnaharentika."[40]Niarake tamity safa lako hafa ro
nisehoane ho vavolombelo vaho nandrisihane iereo; nitalily re ty hoe,"Vonjeo ty vatagnao amity foko raty
fagnahy toy." [41]Naho iereo nandrae ty safane ka natao Batisa, naho tokone fagnahy gnondaty teo amity telo arivo
eo ro nampea tamio andro o. [42]Nanohy vaho nanao ty asa fitalilia vaho ty fagnanara ty apositoly iereo, teo amity
fandilia ty mofo vaho ty fivavaha.[43]Avy tamity fagnahy ty kiraikiraike ty tahotre, naho halatsa vaho famantara
lako ro vita tamity alala ty apositoly. [44]Iaby ze nino le nivory naho nana zaka mitovy, [45]naho iereo le nivarotre ty
tanene vaho ty fanagnane naho nizara zay tamie iaby, arake ze pinaine iaby.[46]Naho sanandro sanandro le nitohy
nanompo tamity hevetse mitovy tao antempoly iereo, vaho nandily ty mofo tantragno ao, naho nizara ty sakafo
tamin-kafalea vaho arofo feno hasoa; [47]Niantsa an'Anagnahare naho nahazo hatea tamity ndaty iaby. Sanandro ty
ty Tompo le nagnampe ty isa gnity voa vonje.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 3

[1]Naho Petera vaho Jaona niakatre tegne amity tempoly tamity fotoa ty fivavaha, ty fotoa fahasivy. [2]Naho nisy
lahilahy raike naletse hatramity nahakele aze niente isanandro tegne amity vavahady soa toera ty tempoly, mba
hangatake fagnomea ara-bola agne amireo ndaty ze mbao amity tempoly. [3]Lahafa nahisake i Petera vaho Jaona te
hindeha hilitse ty tempoly, le nangatake fagnomea ara-bola tamiereo re.[4]Nagnente ty masone niharo amy Jaona
ty Petera le nanao ty hoe:" Henteo zahay." [5]Ty ajalahy maletre nagnente reo, nitama ty handrae zaka bakagne
amiereo. [6]Nefa ty Petera nisafa hoe:"Volafoty vaho volamena ro tsy anagnako, nefa ze anagnako, ro homeako
anao. Amity agnara Jesosy Kirisity bakagne a Nazareta, mindeha."[7]Nandrambe tamity tagna havana, ty Petera
nanao aze, naho zisikagne le nizare nahozatse ty tombo gny lahilahine vaho ty kitrone. [8]Nitseka, ty lahilahy
maletse le nitsanga ka namototse nindeha; naho niakatre nizilike tamy Petera vaho Jaona tao antempoly re,
nindeha, nitreka, naho niantra an'Agnahare.[9]Ty ndaty iaby le nahisake aze nindeha vaho niantsa an'Agnahare.
[10]Haigniereo fa re ty aze lahilahy nangatake fagnomea ara-bola tamireo ndaty teo amity vavahady soa ty
Tempoly; naho vatane gaga vaho vere iereo naho ty zaka niseho tamine.[11]Naho noho re nita Petera vaho Jaona, ty
ndaty iaby nihorododo nimbae amiereo tegne amity aloke ze natao ty hoe alogny Solomona ty ndaty iaby, naho
vatane jilo. [12]Laha fa nahisake zay ty Petera le namale ty ndaty hoe:" Nareo ry vahoake Israely, nagnino ro hisake
nareo? Nagnino ty masonareo ro midineke anay, hoe raha herenay ndre hamasinay arere ro nampindeha aze?
[13]Ty Zagnahare Abrahama, vaho Isaka, naho Jakoba, Ty Zagnahare reo raentika, nagnomea hasy Jesosy
mpanompone. Re ty natolonareo vaho linienareo teo agnoloa Pilato, tamire nanam-paketre ty handefa aze.
[14]Linienareo Ty aze raike Masy vaho mare naho aleonareo nangatake ty mpamono ndaty mba halefa hoanareo.
[15]Vinono nareo ty mpagnore ty havelo, te naore nagnahare tamity mate_naho vavolombelo zay zahay. [16]Amizao,
naho ty finoa amity agnara ty aze lahilahy ze hisanareo vaho haignareo_i agnaragne igne avao ro nahavy aze
nimafe. Ty finoa bakamy Jesosy ro nagnomea ze fahafaha lako zao hoaze eto agnoloa nareo iaby.[17]Amizao, ry
rahalahy, haiko fa nanao zay nareo naho ty tsy fahaianareo, hoe ty natao reo mpinday anareo avao kea. [18]Fa reo
zaka za voatalily nagnahare taloha tamity fitava reo pamisavisa iaby, hoe tokone hijale ty kiristine, fa le fa lefene
amizao.[19]Mibebaha, laha zao, naho miheregna, mba ho mate ty hadisoa nareo, mba ho avy ty andro
mahavelombelo eo agnoloa i Tompo; [20]naho mba handefa i Kirisity te voatendre hoanao re, le i Jesosy.[21]Re ty aze
tsy maintsy ho horaese ty lagnitse mandrampahavia ty andro fagneregna amity lalane ty zaka-iaby, miomba ze
safan'Agnahare taloha tamity vava reo mpamisavisa masy. [22]Nitalily kea ty Mosesy ty hoe:' Ty Tompo Zagnahare
le hanao mpamisavisa hoeko bakamireo rahalahinareo. Nareo hijy ty zaka iaby ze ho taliliene aminareo. [23]Hiseho
te hoe ze ndaty iaby tsy mijy ze mpamisavisa zay le ho ravae vatane tsy ho amity ndaty ao.'[24]Eka, naho reo
mpamisavisa iaby namototre tamy Samoela eo vaho reo ze avy tafarane, le nitsara mafe vaho nagnombara reo
andro reo. [25]Nareo ro anagnireo mpamisavisa vaho ty fagnoriha ze nataon'Agnahare tamireo raza, arake ty
safane tamy Abrahama hoe:' Ao amity fokonao le ho ambine reo longo iaby eran-tane.' [26]Tafara ty nagnoregna
nagnahare ty mpanompone, le nandefa aze ho anareo aloha re, mba hitahy anareo amity fidisoa nareo amity
haratianareo."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Laha nirehake tamireo vahoake ty Petera vaho Jaona, le avy reo mpisoro vaho ty bey ty mpiambe ty tempoly
naho reo Sadoseo. [2]Meloke vatane iereo te amy Petera vaho Jaona nagnanatre ty vahoake vaho nitalily ty
fitsangana amity mate tamity alala Jesosy. Tsinepake iereo naho natao tagne ampigadra zisike maraindray, satria
le fa hariva ty andro tamizay. [4]Kanefa lako tamireo ndaty ze naharey ty talily ro nino; naho ty isa reo lahilahy ze
nino le lime arivo eo.[5]Naho tamy hamaraigne igne le nivory tao Jerosalema ty mpandiliereo, olobey naho reo
mpanao ty lily. [6]Teo ty Anasy mpisorombey, kaiafa, Jaona, Aleksandro vaho iaby ze longo reo mpisorombey.
[7]Tamy natao agnivo ty Petera vaho Jaona, le nagnotane aze iereo hoe:" Amity here ino, na amity agnara ino, ro
nagnanaova nareo zay?"[8]Bakeo ty Petera, feno ty fagnahy masy, le nirehake iereo ty hoe:" I riha mpandily ty
vahoake, vaho ty olobey, [9]laha nganotanea miomba ty asa soa nataonay tamio lahilahy narare eo zahay tamy
andro o_tamity akore ro nahafake o lahilahy io? [10]Le ao ho hainareo iaby naho ty vahoake Israely iaby, fa tamity
agnara Jesosy Kiristy bakagne Nazareta, iaze ginadra nareo, ty aze naore nagnahare tamity mate_tamity alalane
ro iboaha ty lahilahy toy salama amaso nareo eto."[11]Jesosy Kirisity le vato te nataognareo mpagnore tragno
tsinontsino kanefa le fa natao ho loha ty vato fehezoro. [12]Naho tsy misy famonjea bakamity hafa, fa tsy misy
agnara hafa ambane ty lagnitre nomea ty ndaty te tsy maintsy hahavonje antika."[13]Naho laha fa nahisake ty
kibory Petera vaho Jaona iereo, naho nanenke fa ndaty soa, ndaty tsy mba nianatre, le hisake iereo, nahay fa
niarake tamy Jesosy ty Petera vaho Jaona. [14]Satria iereo nahisake ty ajalahy ze afake nitsanga niarake tamiereo,
ka tsy nahisake hatao handiera zay iereo.[15]Fa laha fa baka nandily reo apostoly hidiso ty fivoria ty mpandineke
iereo, le nifampirehake iereo. [16]Hoe iereo ty hoe:" Ino ro tokone hatao amitoa lahilahy toa? Noho ty hagaga vita
tamity alala iereo le hay gnireo ndaty iaby mitoboke eto Jerosalema, naho tsy azontika liere. [17]Fa mba tsy hizara
zay amity vahoake kea, le hidiso tika hampiambe iereo mba tsy hirehafa iereo ze agnara zay sase. [18]Kinaine
hilitse ty Petera vaho Jaona naho nirehafene iereo tsy hitsara vaho tsy hanoro amity agnara Jesosy sase.[19]Kanefa
namale iereo kea ty Petera vaho Jaona nanao ty hoe:" Laha mare amason'Agnahare ty magnenke anareo
mandako aze, le nareo ro mitsara. [20]Tsy afake ty hijano tsy hisafa miomba reo zaka hisanay vaho reinay
zahay."[21]Tafara ty fampiambena Petera vaho Jaona, le nengane nindeha iereo. Fa tsy nahisake hevetse hisazea
iareo iereo, satria niantsa an'Agnahare reo vahoake amity zaka vitane. [22]Ty lahilahy iaze nifanta ty hagaga vaho
fagnafaha le nihoatre ty efa-polo tao.[23]Tafara ty nagnafaha iereo, le niavy teo amity vahoakene ty Petera vaho
Jaona naho nataliline amiereo iaby ze nirehafe reo loha ty mpisoro vaho reo olobey tamiereo. [24]Laha fa
reigniereo zay, le niarake nagnakatre ty feo iereo ho anagnahare iereo ka nanao ty hoe:" Tompo, riha ro nanao ty
lagnitre vaho ty tane vaho ty riake, naho iaby ze amine ao. [25]Nirehake tamity alala ty fagnahy masy tamity vava ty
mpanomponao, ty raentika Davida Riha ty hoe:' Nagnino ro meloke reo firene Jentilisa, vaho reo ndaty midineke
zaka tsy misy antone?"[26]Nareo mitsara ty hoe: Reo mpanjaka ty tane le niharo, naho reo mpandily le niharo
handietre ty Tompo, vaho handietre ty kirisitine.'[27]Ta le fa Heroda vaho Pontsy Pilaty, niarake tamireo jentilisa
vaho reo vahoake Israely, ro niharo-nivory tantana ao handietre Jesosy mpanomponareo, ze hinosonareo.
[28]Niharo nivory iereo mba hanao iaby ze natao ty tagnanareo vaho reo dinegnareo ze le fa dininenareo hatao
aloha.[29]Henanezao, Tompo, henteo reo fampiambena gniereo naho omeo reo mpanomponao mba hitsarane ty
safanao ampisahia vatane. [30]Avotoro ty tagnanao mba hagnafake, naho hagnomea reo famantara vaho hagaga
amity alala ty angara Jesosy mpanompo nao masy." [31]Laha fa baka nivavake iereo, le nihozo ty toera ze niharoa
iereo nivory, naho feno ty fagnahy masy ie iaby naho nitalily ty safan'Agnahare ampisahia.[32]Ty hamaroa reo ze
nino le arofo vaho fagnahy raike. Tsy nisy nirehake fa ty zaka ze azone le aze arere, fa zaka niharoa iereo nana.
[33]Niarake tamity here foloay ro nagnaroa ty apositoly ty fisehoa iereo vavolombelo miomba ty fitsangana Jesosy
Tompo tamity mate, naho hasoava foloay ro teo amie iaby.[34]Tsy nisy ndaty nanan-jaka manahira teo amiereo eo,
fa iaby ze nana tane na tragno le navily naho ninday ty vola ty zaka iaby ze lafo. [35]naho natoboke teo antombo reo
apositoly, naho zinara tamity ndaty kirai-kiraike arake ze paie iereo.[36]Josefa, Levita raike, lahilahy bakagne Sipra
te kinaignireo apositoly hoe Barnabasy( te midika hoe anadahy gnity fagnamafea), [37]nivarotre tane vaho ninday
ty vola naho nanao aze teo antombo reo apositoly.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Fa nisy lahilahy raike natao ty hoe Ananiasy, niarake tamy Safira valine, nivarotre anjara tane, [2]naho tinane ty
ilane tamireo vola varone( ty valine avao kea nahay zay), naho ninday ty ambankine hafa tamizay naho nanao
aze teo atombo reo apositoly.[3]Fa Petera nanao ty hoe:" Ananiasy, nagnino ro fineno ty Satana vande ty arofonao
havande amity fagnahy masy, vaho hita ty ambakine tamity vilin-tane? [4]Laha mboe tsy lafo zay, tsy nijano ho
anao arere vao zay, naho laha fa lafo zay, tsy teo amity herenao vao zay? Nagnino ro nataonao ze zaka zay tao
amity arofonao? Tsy navande tamity ndaty riha, fa tamin'Agnahare." [5]Laha fa naharey reo safa reo, le tonta
tamity tane Ananiasy ka afake ty fiaine, naho tahotre vatane ro niavy tamy iaby ze naharey zay. [6]Naho reo
ajalahy le nimbaeo ka namogno lamba aze, ka niente iereo niakatre re naho naleve.[7]Tafara ty lera telo eo, le
nilitre ty valine, mboe tsy nahay ze niseho. [8]Petera nanao tamine ty hoe:" Ambarao ahy laha zay ro
namarotanareo ty tane." le hoe re:" Eka, laha zao."[9]Bakeo Petera nirehake aze ty hoe:" Nagnino nareo ro
nagnenke hiraike hitsapa-fagnahy ty Tompo? Ingo, reo tombo reo ndaty ze nandeve ty valinao le eo ambaravara,
naho hagnakatre anao iereo. [10]Naho lavo teo naho eo amity tombone re naho le afake ty fiaine. Laha fa nilitre tao
reo ajalahy, le nahisake aze mate, ka ninday aze niakatre vaho nandeve aze teo agnila ty valine. [11]Natahotre ty
fiangona iaby, vaho iaby ze naharey ze zaka zay.[12]Famantara vaho hagaga lako ro niseho tamireo vahoake tamity
alala ty tagna reo Apositoly. Niarake teo amity fialofa Salomona iereo. [13]Fa tsy nisy ndaty hafa nana hasahia
hiarake amiereo; kanefa, ty vahoake le nagnakatre fitea agnabo iereo.[14]Naho vaho maike nihalako reo mpino te
nagnampe isake ty Tompo, lahilahy vaho ampela, [15]ka niente iereo tegne andala zisikamity maray naho
nampandre iereo teo ambonea fandrea vaho farafara, ka laha fa mandrio ty Petera, le mete mba hanako ty ilane
amiereo ty alone. [16]Teo avao kea le lako ty vahoake ro nindray fiavy bakao amireo tana magnodidy Jerosalema,
ninday ty marare vaho reo nampijale ty fagnahy maloto, naho le afake ie iaby.[17]Fa nitsanga ty mpisorombey, vaho
reo ze niraike tamine( iaze sekta ty Sadoseo; naho le lako fialogna iereo [18]naho nitsepake amin-kere reo apositoly,
naho nanjilike iereo tagne antragno maieke.[19]Naho zisike ty hale le nisy anjele Tompo namoha ty varavara ty
figadra naho nagnakatre iereo tao, vaho nanao ty hoe: [20]"Mindeha, mitsangana ao amity tempoly naho mirehafa
amity ndaty reo rehake iaby ty havelo toy." [21]Laha fa naharey zay iereo, le nilitre tao amity tempoly iereo laha
mboe maray ty andro ka nanoro. Fa avy ty mpisorombey, vaho iereo ze niraike tamine, naho nikaike ty
mpidinene iaby, reo olobey iaby ty Israely, naho nalefa tagne ampigadra mba hagnakatre reo apositoly.[22]Fa laha
niavy ty mpiambe raharaha le tsy nahisake iereo tampigadra ao, ka nihere iereo naho nanao ty hoe: [23]"Nahisake
ty tragno maieke nihily soa zahay naho ty mpiambe le nitsanga niambe ambarava, te laha fa vinahanay zay, tsy
nahisake ndaty tagnatene ao zahay."[24]Naho laha fa naharey zay ty bey ty mpiambe ty tempoly vaho reo
mpisorombey, le vere hevetre vatane iereo nahakasike ty zaka mete hiseho. [25]Fa nisy ndaty niavy naho nirehake
tamiereo nanao ty hoe:" Ty lahilahy ze nataonareo tantragno maieke le mitsanga ao amity tempoly naho manoro
ty vahoake."[26]Naho lasa ty bey ty mpiambe niraike tamireo mpiambe raharaha, naho ninday iereo nihere, fa tsy
tamity seresere, satria natahotre ty vahoake iereo tsy ne ho toroahene vato. [27]Laha fa ninday iareo iereo, le
nandefa iereo teo agnoloa ty mpandineke. Nagnody iereo ty mpisorombey, [28]nanao ty hoe:" Rinaranay mafe nareo
mba tsy hagnanatre amy agnara ao, kanefa, finenonareo ty fagnanaranareo ty Jerosalema, naho teanareo ho
mpiantoke amity lio lahilahy io zahay."[29]Fa i Petera vaho reo apositoly namale hoe:"Zahay le tokone hagnenke
an'Angngahare noho ty ndaty. [30]Ty Zagnahare ty razanay nanao Jesosy, ze vinono nareo tamity famonjea aze teo
amity hetae. [31]Zagnahare nagnakatre aze teo amity tagnan-kavanane mba ho Tompo vaho mpamonje, mba
hagnomea fibebaha ho ahy Israely, vaho famotora ty heloke. [32]Zahay le vavolombelo ty amize zaka zay, naho kea
ty fagnahy masy, ze namean'Agnahare ho ahy reo miaike Aze."[33]Laha naharey zay reo tao amity mpandineke, le
meloke iereo naho nipay hamono reo apositoly. [34]Fa nisy Fariseo raike natao ty hoe Gamaliela, mpagnana-dily, te
hinaja ty ndaty iaby, nitsanga naho nandily reo apositoly mba halae akare kele agne ambalike.[35]Naho re nirehake
tamiereo ty hoe:"Lahilahy Israely, ambeno soa ty amity zaka ze hataonareo miarake amireo ndaty reo. [36]Fa tagne
aloha tagne, Teodasy nitalily vatane ho raraha, naho ndaty maro, tokone ho efa-jato, nagnorike aze. Vinono re,
naho iaby ze nagnenke aze le nizara nizare tsisy dikane. [37]Bakeo lahilahy io, Jodasy bakagne Galilia le nitsanga
tamity andro ty fagniafa naho nitao ndaty maromaro hagnorike aze. Re avao kea le vinono, naho iaby ze
nagnenke aze le nidiso iaby.[38]Naho henanezao le ataliliko aminareo, mihalavira reo lahilahy reo naho engao
arere re, fa laha bakamity ndaty hevetse eo na asa ao, le ho foa zay. [39]Fa laha bakamin'Agnahare kea, le tsy ho
azonareo foagne reo; mete hisanareo aza fa mialy amin'Agnahare nareo." Le nimete iereo.[40]Naho nikaike reo
apositoly hilitre iereo naho namofoke vaho nandily iereo tsy hitsara amity agnara Jesosy, naho namototre iereo
hindeha. [41]Iereo le nidiso ty mpandineke tankafalea satria soa ty hinday fahafaham-baraka ho ahy ty agnara.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

[42]Tafara zay isanandro, tsy nitofa nagnanatre vaho nitalily Jesosy ho Kirisity iereo, tankianja ty tempoly vaho tamity tragno lako.

Chapter 6

[1]Naho tamize andro zay, laha fa nihamaro ty isa reo mpianatre, le nanomboke nisy taray natao reo Jiosy mitsara
Grika handiera reo Hebreo, satria natao iereo tsinontsino reo mpivem-batane tamity fizara sakafo isan'andro.[2]Ty
roe amby folo le nikaike reo mpianatre iaby hoagne amiereo vaho nanao ty hoe:" Tsy mete amintika laha midiso
ty safan'Agnahare mba hikarakara reo latabatre. Laha zao nareo le tokone mifily, ry rahalahy, fito aminareo,
lahilahy soa laza, feno ty Fagnahy vaho hamarea, mba ho tendrenay hikarakara ze raraha zay. [4]Laha ty aminay, le
hanohy zisikagne amity fivavaha vaho amity fagnanara ty safa zahay."[5]Nahafale ty ndaty iaby ty safa natao iereo.
Ka nifily i Stefana iereo, lahilahy feno finoa vaho Fagnahy Masy, naho i Filipo, Prokoro, Nikanora, Timona,
Parmena naho Nikoleo, proselyta bakagne Antiokia. [6]Reo mpino le ninday reo lahilahy tagnoloa ty Apositoly,
nivavake vaho nanao ty tagnane tamiereo.[7]Ka nizara zisikagne ty safan'Agnahare, naho ty isa ty mpianatre tao
Jerosalema le nihamaro bey, naho mpisoro maro bey kea ro nijare mpagnorike ty finoa.[8]Naho i Stefana, feno
hasoava vaho here, le nanao hagaga vaho famantaram-bey tamity vahoake eo. [9]Fa nisy vahoake ilane nitsanga te
ahy Synagoga te atao ty hoe Synagoga Libertina, vaho ahy Kyreniana vaho Aleksandriana, naho ty ilane bakagne
Kilikia vaho Azia. Reo ndaty reo le nidineke niarake tamy Stefana[10]Iereo le tsy nahalietre ty hamarea vaho ty
Fagnahy nisafagnane ty Stefana. [11]Bakeo le nisy ndaty nanova iereo fitake mba hanao ty hoe:" Le fa reinay ty
Stefana nanao raty miomba Mosesy vaho ty Zagnahare."[12]Nanaitre ty ndaty iereo, ty olobey, vaho ty mpanao ty
lily, le nimbaeo amy Stefana iereo naho nitsepake aze vaho ninday aze teo agnoloa reo mpagnomea-hevetse.
[13]Naho iereo le ninday fanoa vavolombelo diso, le nanao ty hoe:" Ty lahilahy tia le tsy mijano mitsara raty ty toera
masy toy vaho ty liline. [14]Fa zahay le naharey aze nirehake fa i Jesosy bakagne Nazareta ao le handrava ty toera
toy vaho hagnova reo fomba ze natolo Mosesy antika." [15]Iaby ze nitoboke ze nitoboke teo amity toera ty
mpagnomea-havetse le nidineke aze ka nahisake fa hoe ty anjele ty tarehene.

 

## Chapter 7

[1]Ty mpisorombey nanao ty hoe:"Mare vao ze iaby zay?" [2]Stefana nanao ty hoe:" Ry rahalahy vaho ty rae, jigno
raho:"Ty Zagnahare ty hasy niboake tamity raentika Abrahama tamire tagne Mesopotamia, taloha ty nitobohanay
tao Harana; [3]nitsara tamine Re ty hoe:" Miala eo amity tanenao riha vaho reo longonao, naho mindeha agne
amity tane ze atoroko anao."[4]Bakeo nidiso ty tane i Kaldeana re naho nitoboke tagne Harana; namototre teo,
tafara ty nifantezan-draene, nienten'Agnahare tagne amio tane eo re, te hitobohanao zao. [5]Tsy nomeane ho lova
teo re, tsy ampe ndra hisy tomboke aza. Fa nagnomea toky re_ndra le mboe tsy nanagnanake aza ty Abrahama fa
re le hagnomea ty tane aze ho fanagnane vaho ho ahy reo fokone afara.[6]Zagnahare le nanao tamine ty hoe, fa reo
fokone le hitoboke ela agne amity tane ty firenen-kafa, naho reo vahoake ao le hinday iereo amity fagnandevoa
vaho fampijalea zisike ty efa-jato tao. [7]'Nefa ho tsaraeko ty firene ze tompoe iereo,' hoe ty Zagnahare,'naho afara
zay le hamonje vaho hiantsa Ahy eo amio toera ao iereo. [8]Bakeo nomean'Agnahare i Abrahama ty fagnenkea
amity savatse, ka Abrahama le ninjare rae Isaka naho naho nanavatse aze tamity andro fahavalo, Isaka le ninjare
rae Jakoba, naho Jakoba ninjare rae reo patriarika roe ambifolo.[9]Satria reo patriarika le nialo i Josefa, ka navily
iereo tagne Egypta re; fa Zagnahare le niraike tamine [10]naho namonje aze tamireo hasahirane iaby. I Josefa le
nameane fitea vaho hamarea teo agnoloa Farao, mpanjaka Egypta, ty nanao aze ho governora mandily Egypta
vaho ambone reo fanagnane iaby.[11]Naho le niavy ty kere nagnera Egypta vaho Kanana, vaho fijaleam-bey, naho
reo razantika le nahisake sakafo. [12]Fa laha fa naharey Jakoba fa nisy vare tao Egypta, nindeha reo razantika
tamity lia iereo voalohane re. [13]Tamity lia iereo faharoe ty Josefa nampahay ty vatane tamiereo rahalahine, naho
ty longo Josefa le ninjare hay Farao.[14]Josefa le nagnirake reo rahalahine hitsara Jakoba raene mba hoavy agne
Egypta, miarake amireo longone iaby, teo amity dime amby fitompolo ndaty laha aharo. [15]Laha zao Jakoba le
nizotro Egypta ao, naho mate re, re vaho reo razantika. [16]Niente hoahy Sekema iereo naho naleve tao amity
kibory vinily Abrahama tamity volafoty tamireo anagn' i Hamora tagne Sekema.[17]Laha fa nagnenke ty andro ty
fampagnantegna, ty fampagnantegna ze nataon'Agnahare tamy Abrahama, le nihalako vaho nitombo ty ndaty tao
Egypta, [18]zisike ty nitsangana ty mpanjaka te tsy nahay ty miomba Josefa. [19]O mpanjaka ao avao kea ro namitake
ty vahoakentika vaho nampijale razantika reo, iereo le nisere ty razantika hidiso ty anane ambava loza mba tsy
ho velo.[20]Tamize andro zay ty Mosesy ro terake; re le soa tagnoloan'Agnahare naho tineza telo vola tantragnon-
draene. [21]Laha fa nakare tegne ambalike re, le nisy anakampela Farao ro nananga vaho niteza aze manahake ty
anadahine.[22]Mosesy le nanare reo hamare iaby nanagna Egyptiana, naho re le nimafe tamity tsarane vaho ty
asane. [23]Ka laha fa ho efa-polo tao re, avy tampone ao ty hitilike reo rahalahine, ana Israely. [24]Nahisake israelita
raike nampijale aze tamity vonoa ty Egyptiana: [25]Nidineke re fa ho azo reo rahalahine fa tamity alala ty
tagnan'Agnahare ro nagnavotre iereo, nefa le tsy azo iereo zay.[26]Ty andro magnarake le niavy tao amireo Israelita
ilane re laha iereo nafagnakany; nagnohatre ty nandeme ty kirai-kiraike iaby re, nanao ty hoe:" Ry lahilahy,
nareo le mpirahalahy, magnino nareo ro mifamere?" [27]Fa ty raike ze nanao tsy mete tamity namane nanoseke aze,
naho nanao ty hoe:" Ia ro nanendre anao ho mpandily vaho hitsara anay? [28]Teanao vao ty hamono ahy,
manahake ty namonoanao reo Egyptiana male?"[29]Nilay ty Mosesy laha fa naharey zay; ninjare mbahiny re tao
amity tane Midiana, ty niterahane ty anane roe lahy. [30]Laha fa losotre ty efapolo tao, nisy anjele raike niboake
tamine tagne agnefetre tegne ambohitse Sinay, tamity lelan'afo ty voaroy nirehetre.[31]Laha fa hisa Mosesy ty afo,
nijilo re tamity fahisaha; naho laha fa namonje re ka nanente izay, ingo bakagne nisy feo Tompo nanao ty hoe:
[32]"Izaho ro Zagnahare reo razanao, Zagnahare Abrahama, vaho Isaka, naho Jakoba." Nihovitre ty Mosesy naho tsy
nahavany nagnente.[33]Ty Tompo nanao tamine ty hoe:" Afaho ty Kapa egne amity tombonao, fa toera
itsangananao o le tane masy. [34]Le fa hisako vatane jale ty vahoakeko ao Egypta, reiko ty taray iereo, naho le fa
nizotro nagnavotre iereo Raho; ka henanezao, alefako hoagne Egypta riha."[35]Io ty Mosesy ze niliere iereo, laha fa
nirehake re ty hoe:" Ia ro nanendre anao ho mpandily vaho ho mpitsara?" Re tiaze arere nalefan'Agnahare vaho
ho mpandily sady mpagnavotre. Zagnahare nandefa aze tamity alala ty tagna ty anjele, niakatre tamy Mosesy
tegne amity voaroy. [36]Nitarike iereo hidiso ao Egypta ty Mosesy, laha fa baka nanao halatsa vaho famantara tao
Egypta vaho tegne amity riake mena, naho tegne agnefetre zisike ty efapolo tao. [37]Io avao ty Mosesy ty nirehake
tamity vahoake Israely ty hoe:" Zagnahare le hagnore mpamisavisa ho anareo eo amity rahalahinareo,
mpamisavisa hoeko."'[38]Re ty lahilahy aze tampiangona tagnefetre ao niarake tamity anjele nitsara tamine tegne
ambohitse Sinay. Re ty lahilahy niarake tamireo razantika; re ty lahilahy iaze nandrambe ty tsara velo zarae
hoantika. [39]Re ty lahilahy iaze linie gnireo razantika; natose iereo lavitre iereo re, naho agne ampo iereo le nihere
tagne Egypta iereo. [40]Tamio andro o nirehake tamy Arona iereo ty hoe:" Anovo Zagnahare zahay hitarike anay,
manahake Mosesy, ty nitarike antika hiakatre agne Egypta, tsy haintika ze niseho tamine."[41]Naho nanao agnombe
lahy kele iereo tamize andro zay naho ninday fagnatetre teo amity sampe, naho nifale tamity asan-tagna iereo.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

[42]nitolike ty Zagnahare naho namototre iereo mba ho fiantsa reo kinta egne andagnitse, arake ty voasoratre tao amity boke ty mpamisavisa:" Nareo vao nanolotre ahy biby mate vaho fagnatetre zisike ty efapolo tao tagnefetre ao, tragno Israely?[43]Nenkenareo ty taberinakele Moloka vaho ty kitan'Agnahare Refana, vaho reo sare ze anoenareo hiansta aze, naho zaho hinday anreo agne Babylona."[44]Reo razantika le nana tabernakele ty fitsangana vavolombelo tagnefetre ao, arake ty baikon'Agnahare laha fa nirehake tamy Mosesy re, ze tokone nataone nitovy tamity fomba le fa hisane. [45]Io ty tragnon-day ty nalae reo razantika, naho nientene tao amity tane niarake tamy Josoa, tagnoloa reo tazantika, reo fanagna ty firene nandroahan'Agnahare ty tane ze nalae iereo ho fanagna iereo arere, Ty tragnon-day le nitoboke tao amity tane zisike ty andro Davida, [46]naho re nahazo fitea tao amity fahisahan'Agnahare naho nagnontane laha hahisake toera hitoboha ho an'Agnahare ty Jakoba.[47]Fa i Solomona ro nanao ty tragno ho an'Agnahare. [48]Na zay aza, ty Agnabo ao le tsy nitoboke tao amity tragno vita tamity tagna, arake ty rehafe ty mpamisavisa hoe:" [49]"Ty lagnitre ro sezan-droandriako, naho ty tane ro fisin-tomboko. Tragno hoe ty ino ro afake hamboarenao hoahy? hoe ty Tompo, ndra toera hoe ty ino ro hitofako? [50]Tsy tagnako vao ro nanao reo zaka iaby reo?[51]Reo ndaty mafe hatoke vaho tsy voa-savatre ampo vaho sofigne, nareo le mandietre avao ty Fagnahy Masy; nareo le manao hoe ty natao ty razanareo. [52]Ia tamy razanareo reo ro tsy nialy amity mpamisavisa? Vinono iereo ty mpamisavisa ze niboake taloha ty fiavy ty Mahity, naho hanenazao nareo le ninjare mpamadike vaho mpamono aze kea, [53]nareo vahoake ze nandrae ty lily ze natao reo anjele, kanefa tsy nitana nareo zay."[54]Naho laha fa naharey reo zaka reo ty mpikamba ao amity mpagnomea hevetre, tohy ty arofo iereo, naho nihily vaza iereo tamy Stefana. [55]Fa re, teie lako Fagnahy Masy, nagnente soa ty lagnitre naho nahisake ty hasin'Agnahare, naho nahisake Jesosy nitsanga teo ankavanan'Agnahare. [56]Stefana nanao ty hoe:" Henteo, hisako mivoha reo lagnitse, naho ty ndaty mitsanga eo ankavanan'Agnahare."[57]Tamizay eo le tinampe reo mpikamba ao amity mpagnomea hevetre ty sofy iereo, naho nikorake niarake tamity feo agnabo, nilay iereo nimbamine mbeo. [58]Tinary iereo ambaly ty tana re naho tinora iereo vato re, naho reo vavolombelo le nanao ty akanjone teo amity ty kolo lahilahy atao ty hoe Saoly.[59]Laha nitora-bato i Stefana ay iereo, nitoka mafe ty Tompo re naho nanao ty hoe:" Tompo Jesosy, raeso ty fagnahiko." [60]Nandohaleke re naho nikaike tamity feo mafe ty hoe:"Tompo, ko tane ze hadisoa zao handiera iereo." Laha fa baka nirehake zay re le niazon-droro.

 

Chapter 8

1Nienke ty fatene ty Saoly. Ka namototre tamy andro o ty fanesem-bey handiera ty fiangona tao Jerosalema; naho
reo mpino iaby le nizara nagnera reo faritre Jodia vaho Samaria, hafa reo Apositoly. 2Reo lahilahy matahotre
an'Anagnahare le nandeve i Stefana naho nanao antsa fandala aze. 3Fa Saoly le nanimba vatane ty fiangona;
nitete tragno re naho nangalake reo lahilahy vaho reo ampela, naho nandefa iereo tagne antragno maieke.4Fa reo
mpino ze nizara le nindeha nitory ty talily. 5Filipo le nizotro tagne amity tananm-bey Samaria naho nitalily i
Kirisity tamiereo.6Laha fa naharey vaho nahisake reo famantara ze natao Filipo ty vahoake lako, le nidineke soa
tamize nirehafe iereo. 7Reo fagnahy maloto le niakatre tamireo lako ze nilirane, nikorake mafe, naho lako
tamireo maleme vaho kitsa ro afake. 8Laha zao le nisy hafaleam-bey amity tanam-bey.9Fa nisy lahilahy natao ty
hoe Simona tao amity tanam-bey, te vaho tsiela ro nihisa aoly; mateteke nahatsereke reo vahoake Samaria re,
laha fa magnombara fa re le ndaty manan-danja. 10Reo Samaritana iaby, manomboke amity kele vatane ka zisike
amity foloay vatane, le nidranjy soa aze; naho hoe iereo ty hoe:"I lahilahy io le ty fahefan'Anagnahre atao ty hoe
Foloay." 11Iereo le nidranjy aze, satria re le nahagaga iereo le fa zisike ty andro lako tamy aoline eo.12Fa laha fa
nino i Filipo iereo laha re nitory ty zakasoa miomba ty fanjakan'Agnahare vaho ty agnara Jessosy Kirisity, le natao
Batisa iereo, ndra reo lahilahy ndra iereo ampela. 13Ndra Simona kea le nino, naho tafara ty nanova Batisa aze le
nijano niarake tamy Filipo avao re. Laha fa nahisake reo famantara vaho asa foloay ze nisy re, le gaga.14Naho laha
fa rey reo apositoly ao Jerosalema fa nanao ty rehan'Agnahare Samaria, le nalefa iereo tagne amiereo ty Petera
vaho Jaona. zv 15Laha fa nimbaeo iereo, le nivavake ho ahy iareo iereo, mba mete handraesa iereo ty Fagnahy
Masy. 16Fa zisike ty niavia ze andro zay, le mboe tsy nisy nipoha ty Fagnahy Masy vatane iereo; fa vita batisa
tamity agnara Tompo Jesosy avao kea. 17Bakeo ty Petera vaho Jaona le nanao ty tagnane tamiereo eo, naho le
nahazo ty Fagnahy Masy iereo.18Naho laha fa hisa Simona fa ty Fagnahay Masy le natolotre atagna reo apositoly
tamity alala ty fametrahan-tagna, le nameane vola iereo. 19Hoe re ty hoe:" Ameo ahy avao kea ze fahafaha zay. ka
iaby ze ametrahako tagna le mete hahazo ty Fagnahy Masy."20Fa hoe Petera ty hoe:" Ho velo miarake aminao anie
ty volafotinao, satria riha nidineke ty hahazo ty fagnomean'Agnahare amity alala ty vola. 21I riha le tsy mana
anjara ndra ambakine amize zaka zay, satria ty arofonao le tsy mahity amin'Agnahare. 22Laha zao mibebaha
amity haratianao, naho mivavaha amy Tompo, asa mba mete hamototre ty fagniria ty arofonao Re. 23Fa zaho
mahisake fa riha le azo ty lolom-po vaho voafehe ty hadisoa riha."24Simona namale naho nanao ty hoe:"
Mivavaha amy Tompo hoahy, mba tsy hahazo ahy reo ze nirehafenao."25Laha fa nitsanga vavolombelo vaho
nagnombara ty safa Tompo iereo, le nihere tagne Jerosalema ty Petera vaho Jaona, nitalily ty zaka soa tamireo
tana lako ao Samaritana.26Naho nisy anjele Tompo nirehake tamy Filipo vaho nanao ty hoe:" Mitsangana naho
Mindeha miagnantimo ty lala mizotro bakagne Jerosalema mbaeo Gaza."(Lala ao le agne agnefetre.) 27Le nitsanga
re naho nindeha. Ingo, nisy lahilahy bakagne Etopia, tandampa Kandasy, mpanjaka vave reo Etopiana. Re ro nita
ty hareane iaby. Niavy tagne Jerosalema re mba hiantsa. 28Naho noly re ka nitoboke teo amity kalesene, naho
namaky ty safa Isaia mpamisavisa.29Naho ty fagnahy nanao tamy Filipo ty hoe:" Mandehana naho ko miala
lavitre o kalese eo."30Ka le nilailay namonje aze re, naho nahare aze namaky ty tsara tao amy Isaia mpamisavisa,
naho nanao ty hoe:" Azonao vao o vakienao o?" 31Nirehake ty Etopiana nanao ty hoe:" Ino ro hahaiako, laha tsy
misy ndaty mitari-dala ahy?" Nangatake Filipo re mba hamonje ty kalesa naho hitoboke miraike amine.32Naho ty
andalan-tsoratre masy ze vinaky ty Etopiana le nanao ty hoe:" Niente ho vonoe manahake ty agnondry re, naho
manahake ty anak'agnondry moa agnoloa ty mpagnitrike aze eo, laha zao le tsy niloa-bava re. 33Fa tamity
fagnafaham-baraka aze le nafaha tamine ty rarene. Ia ro afake hanao vatane ty fokone? Noho ty arofone nalae
tantane eto."34Laha zao le nagnontane ty tandampa ty Filipo, nanao ty hoe:" Mangatake aminao raho, ia ro resafe
io mpamisavisa ao, ty vatane avao vao, sa ndaty hafa?" 35Nanomboke nirehake ty Filipo naho nanomboke tamize
soratre masy zay ro nitoriane ty zaka soa miomba Jesosy tamine.36Laha fa nindeha tene andala iereo, le namonje
tegne amize nisy rano iereo naho hoe ty tandampa ty hoe:"Ingo, misy rano eto. Ino ro mita ahy tsy hatao batisa?"
37Fagnamare: Hoe ty Filipo hoe:" Laha mino amity arofonao iaby riha, le afake atao batisa." Ty Etopiana namale
hoe:" Mino raho fa Jesosy Kirisity ro Anan'Agnahare.") 38Ka natao ty Etopiana najano ty kalesa. Nizotro mbaeo
amity rano iereo, Filipo vaho ty tandapa, naho natao Filipo batisa re.39Laha fa niakatre ty rano iereo, le niente ty
fagnahy Tompo ty Filipo, ka tsy hisa ty tandapa sase re, fa nindeha tam-pifalea tegne amity lalane. 40Fa Filipo le
niboake tagne Azota naho nitete o faritre eo re, nitalily ty zaka soa era ty tanam-bey iaby zisike niaviane tagne
Kaisaria.

## Chapter 9

[1]Fa Saoly, le mboe nirehake fitana avao egne fa ndra zisike amity vonoa mandietre reo mpiana Tompo aza,
nandeha tagne amity mpisorom-bey [2]naho nagnontane iereo tararasy hoahy reo synagoga tao Damaskosy, ka
laha mahisake ndra ia ia eo amity lala re, ndra lahilahy ndra ampela, le entene hifehe agne Jerosalema iereo.
[3]Laha mboe nandeha re, le ezao ro niseho laha fa niavy teo angila Damaskosy re, tampoke teo le nisy hazava
namira-piratre nagnodidy aze bakagne andagnitse; [4]naho nitonta tamity tane re ka naharey feo nirehake tamine
hoe:" Saoly, Saoly, nagnino riha ro maneseke ahy?"[5]Saoly namale hoe:" Ia riha, Tompo?" Hoe ty Tompo:" Zaho ro
Jesosy iaze sesehenao, [6]fa mitsangana, milira ao amity tana, naho ho rehafe aminao ze tsy maintsy hataonao." [7]Ty
lahilahy ze niharo lia tamy Saoly le nitsanga tsy naharehake, naharey ty feo, fa tsy nahisake ndra ia ia.[8]Nitsanga
bakamity tane ty Saoly, naho laha fa namoha ty masone re, le tsy afake nahisake ndra ino ino re; ka nitane iereo
amity tagnane re naho niente tagne Damaskosy. [9]Tsy nahisake re zisike ty telo andro, naho tsy nihina re ro vaho
tsy ninon-drano.[10]Naho nisy mpianatre tao Damaskosy atao ty hoe Ananiasy. Nirehake tamine tamity fahisaha ty
Tompo:" Ananiasy!" Hoe re:"Ingo, intoy raho, Tompo." [11]Nirehake tamine ty Tompo:" Mitsangana, naho
mandehana agne amity lala atao ty hoe mahity, naho laha fa ao antragno Jodasy le mangataha amity lahilahy
bakagne Tarsosy atao ty hoe Saoly, fa mivavake re. [12]Le fa nahisake atmity fahisaha ty fiavy ty ndaty atao ty hoe
Ananiasy re naho hanao ty tagnane amine eo, ka mete hahisake ndraike re."[13]Fa namale ty Ananiasy hoe:" Tompo,
le fa naharey tamity lako miomba o ndaty io raho, mikasike ty raty nataone tamity ndatinao masy tao Jerosalema.
[14]Nana fahefa tamireo loha ty mpisoro re mba hitsepake iaby ze mikaike ty agnaranao eto." [15]Fa ty Tompo
nirehake tamine hoe:"Mandehana, fa re raraha finiliko, mba hinday ty agnarako eo agnoloa ty jentilisa vaho reo
mpanjaka naho ty anagny Israely; [16]fa hatoroko aze te hoe akore ty fijaleane teamy ty agnarako."[17]Ka nindeha ty
Ananiasy, naho nilitre tao amity tragno. Nanao ty tagnane tamine eo, le nirehake re ty hoe:" Rahalahy Saoly, ty
Tompo Jesosy, iaze niboake taminao tegne andala laha fa nimbetoa riha, ro nandefa ahy tatoy mba mete
hahisahanao naho ho lako ty Fagnahy Masy." [18]Teo naho eo le zaka hoe ty rambotagna ro niakatre eo amity maso
Saoly, naho nahisake re; nitsanga re naho natao Batisa; [19]naho nihina re ka nimafe. Nitoboke niarake tamireo
mpianatre tao Damaskosy zisike ty andro maro re.[20]Bakeo le nitalily Jesosy tao amity Synagoga re, nitalily fa Re ro
anan'Agnahare. [21]Iaby ze naharey aze le gaga naho nanao ty hoe:" Tsy ndaty io vao ro namono iereo tagne
Jerosalema ty nikaike tamy agnara ao?Niavy eto re mba hangalake iereo ho tana hoagne amity mpisorom-bey."
[22]Fa ninjare nihamafe ty Saoly, naho nampijale ty Jiosy ze nitoboke tao Damaskosy ka nagnamare fa Jesosy ro
kirisity.[23]Tafara ty andro maro, niraike nanao asa mba hamono aze reo Jiosy. [24]Fa ninjare hay Saoly ty dine iereo.
Naho niambe ty vavahady andro aman'ale mba hamono aze iereo. [25]Fa nangalake aze tamity hale reo
mpamisavisa naho namototre aze hizotro tamity rindry, nanjotso aze tagnate haro ao.[26]Laha fa niavy tao
Jerosalema re, le nagnohatre ty hamonje reo mpianatre ty Saoly, nefa natahotre aze iaby reo, tsy nino fa
mpianatre re. [27]Fa nangalake ty Barnabasy naho ninday aze teo amireo apositoly, naho nirehake tamiereo re ty
hoe ino ro nahisaha Saoly ty Tompo tegne andala vaho ty nirehafa i Tompo tamine, naho akore ro nitalilia Saoly
ampisahia tamity agnara Jesosy tao Damaskosy.[28]Nifamonje tamiereo re laha fa nilitre naho niakatre agne
Jerosalema. Nirehake ampahasahia tamity agnara Jesosy Tompo re [29]naho nialy havetre niarake tamireo Jiosy
Grika; nefa mboe nidineke ty hamono aze avao iereo. [30]Laha fa hay reo rahalahy zay, le niente iereo nizotro tagne
Kaisaria re naho nalefane hoagne Tarsosy re.[31]Naho bakeo, ty fiangona nagnera Joda iaby, Galilia, naho Samaria
nana fiadagna naho voaore; naho, nandeha tamin-tahotre ty Tompo vaho tamity fampionogna ty Fagnahy Masy,
ka nihamaro isake ty fiangona. [32]Le niavy zay henanezao, laha nandeha nagnera ty faritre iaby ty Petera, le
nandeha nizotro tagne amireo mpino ze nitoboke tao amity tana Lyda avao kea re.[33]Nahisake ndaty atao ty hoe
Aenasy tao re, te le fa teo ampandrea zisike ty valo tao, satria naletre re.
[35]Fa iaby ze nitoboke tao Lyda vaho tao Sarona le nahisake ty lahilahy ka nitolike tamity Tompo iereo.[36]Naho nisy
mpianatre raike atao ty hoe Tabita tao Jopa, teie atao ty hoe" Dorkasy." Nanao asa soa lako o ampela ao naho
nanao fagnampea feno asa fagnampea ze nataone hoahy ty mijale. [37]Tamireo andro reo le narare re naho nimate;
laha fa nagnafatre aze iereo, le natobo iereo tao amity efetragno ambone re.[38]Satria le fa nagnenke Lyda ty Jopa,
naho naharey reo mpianatre fa tao ty Petera, le nandefa ndaty roe tagne amine iereo, nangatake aze:" Miavia rie
agne aminay tsy misy hatak'andro." [39]Nitsanga ty Petera naho nandeha niarake tamiereo. Laha fa niavy re, le
ninday aze tao amity efetre ambone iereo, naho ty mpivem-bata iaby nitsanga tagnilane eo nitagny, nanoro aze
akanjo vaho ty lamba ze natao Dorkasy reo tamy re niarake tamiereo.[40]Nalefa Petera tagne ambaly ty efetre ie
iaby, nandohaleke, naho nivavake; bakeo, nitolike tamity raza, nirehake re ty hoe:" Tabita, mitsangana." Le
namoha ty masone re bakeo, naho nahisake Petera re le niare. [41]Bakeo nagnomea-tagna aze ty Petera naho
nananga aze; naho laha fa nikaike reo mpino vaho reo mpivem-bata re, le natorone tamiereo ty havelone. [42]Lasa


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

hay nagnera Jopa iaby ze zaka zay, naho ndaty lako ro nino ty Tompo. [43]Tamizay Petera le nitoboke andro maro niarake tamity lahilahy raike atao ty hoe Simona tao Jopa, ty aze mpandoko holitse.

## Chapter 10

[1]Naho nisy lahilahy raike tao amity tana Kaisiria, atao ty hoe Korneila, kapitene reo antoko Miaramila Italiana.
[2]Lahilahy mpivavake re, ty raike ze miantsa an'Anagnahare miarake amity fokone iaby; nagnomea vola bey
hoahy reo ze tamity tsy fahampea re, naho nivavake zisikagne tamin'Agnahare.[3]Tamity lera fahasive maray teo
ho eo, nahisake mazava tamity fahisaha anjelen'Agnahare namonje aze re. Ty anjela nanao tamine ty hoe:" Ry
Kornelio!" [4]Kornelio nidranjy ty anjele naho vatane natahotre ka nanao ty hoe:" Fa ino toy, tompoko?" Ty anjele
nirehake tamine ty hoe:" Reo vahoake vaho reo fagnomezanao hoahy ty sahira le tafakatre ho fagnate-
pahatiarova eo agnoloan'Agnahare. [5]Naho magniraha lahilahy hombaeo amity tana Jopa mba hangalake ty
lahilahy raike atao ty hoe Simona te atao ty hoe Petera. [6]Mitoboke miarake amity mpandoko holitre atao ty hoe
Simona re, ty egne agnolon-driake ty tragnone."[7]Laha fa nindeha ty anjele nirehake tamine, le nikaike ty roe
tamity mpanompone tantragno ao ty Kornelio, naho miaramila mpivavake raike tamireo nanompo aze. [8]Kornelio
nirehake tamiereo iaby ze niseho naho nandefa iereo tagne Jopa.[9]Naho ty hamaray tamity lera fahaene eo, laha
mboe tegne andala iereo ka namonje ty tana, le nagnanike tegne ambone tafo-tragno ty Petera mba hivavake.
[10]Namototre nihakere re bakeo ka nipay zaka ho hane, kanefa laha mboe teo ampahandroa sakafo ty ndaty, le
nahisake fahisaha re, [11]naho nahisake ty lagnitre nivoha re vaho famoria raike nizotro, hoe ty lamba bey mizotro
antane etoy, azotro amity zorone efatre. [12]Tao ro nisy karazam-biby manan-tomboke efatre vaho zaka ze milaly
iaby antane etoy, naho ty voro ty lagnitre.[13]Le nisy feo nirehake tamine ty hoe:" Mitsangana, ry Petera, mamonoa
naho mihinana." [14]Fa Petera nirehake ty hoe:" Aha, Tompo; fa mboe tsy nihina zaka ze voarara vaho tsy malio
vatane raho." [15]Feie niavy tamine fagnindroene ndraike ty feo ty hoe:" Ze nilioven'Agnahare, le tsy atao ty hoe
faly." [16]Niseho intelo zay; naho bakeo ty famoria le nihere niakatre eo naho eo tagne andagnitse.[17]Naho laha fa
vere hevetse miomba ty anto ty fahisaha hisa Petera, le ingo, reo lahilahy ty nalefa Kornelio nitsanga nagnoloa ty
vavahady, bakeo iereo le nagnontane ty lala iereo mbaeo atragno. [18]Le nikaike iereo naho nagnontane i Simona,
atao ty hoe kea Petera, teie nitoboke eo.[19]Laha mboe nidineke miomba ty fahisaha ty Petera, le nirehake tamine ty
fagnahy ty hoe:"Ingo, lahilahy telo ro mipay anao.( Fagnamaregna:Ty amity dikan-drehake taloha le ty hoe:"
Lahilahy roe ro mipay anao" ndra" misy lahilahy ilane mipay anao.) [20]Mitsangana naho mindeha ka miaraha
amiereo. Ko misalasala miarake amiereo, satria zaho ro nandefa iereo. [21]Naho Petera nindeha tagne amireo
lahilahy reo ka nanao ty hoe:" Zaho tiaze paienareo. Ino ro antone iavianareo?"[22]Hoe iereo ty hoe:"Ty kapitene
atao ty hoe Kornelio, lahilahy mare naho ndaty miantsa an'Agnahare, naho soa laza agne amity firene ty Jiosy
iaby, ze nirehafe ty anjele masin'Agnahare mba hampaganlake anao hoagne antragnone, laha zao, le afake
midranjy ty talily baka aminao re". [23]Le nagnafatre iereo hilitre vaho hijano hiarake amine ty Petera. Te hamaray
maraigne igne le nitsanga re ka niarake tamiereo, naho ty ilane tamireo rahalahy bakagne jopa le nagnorike aze.
[24]Ty andro magnarake le nimbaeo Kaisaria iereo. Kornelio le niambe iereo; kinaine niarake ty longone vaho ty
namane vatane.[25]Naho tamizay laha fa nilitre Petera, nifankahita tamine ty Kornelio naho nihohoke tantombone
eo mba hiantsa aze. [26]Fa Petera nagnampe aze, nanao ty hoe:" Mitsangana! Zaho avao kea le ndaty avao.[27]Laha
mboe nirehake niarake tamine ty Petera, le nilitre re naho nahisake ndaty lako nivory raike. [28]Hoe re tamiereo ty
hoe:" Ty vatanareo mahay fa tsy ara-dala ho ahy ty Jiosy ty miraike asa ndra mamangy ndaty bakamity firene
hafa. Fa Zagnahare nanoro tamiko fa tsy tokone hikaike ndaty faly ndra tsyn malio raho. [29]Zay ro antone
nahaviako tsy nisy fanakasakana, laha fa nirahe raho. Ka magnontane anareo Raho hoe nagnino nareo ro
magnirake hoahy."[30]Kornelio nanao ty hoe:" Efatre andro taloha ze lera zao vatane, le nivavake tantragnoko ao
raho tamity lera fahasive; naho nahisake, lahilahy raike nitsanga tagnoloako eo nisiky akanjo namirapiratre.
[31]Hoe re ty hoe:' Ry Kornelio, le fa rein'Agnahare ty vavake nao, naho reo fagnomeanao ho ahy reo mijale le
mampahatiaro an'Agnahare ty miomba anao. [32]Laha zao le magniraha ndaty hoagne Jopa, naho kaiho mbaeo
aminao ty lahilahy atao ty hoe Simona teie atao ty hoe Petera. Mitoboke ao antragno Simona mpandoko holitre
atao ty hoe: Simona re, te egne amoron-driake.'( Fagnamarea: Ty dikan-drehake taloha le magnampe ty hoe:"
Laha fa avy Re, le hirehake aminao." [33]Naho bakeo avy le nalefako ho anao. Soa ty fiavinao. Naho henanezao, tika
iaby avy eto amason'Agnahare, mba hidranjy reo iaby ze nirehafe Tompo amianreo ro rehafe."( Fagnamaregna:"
Laha tokone ho:" Nirehafe Tompo ro safane" ro eo, le ty dikan-drehake taloha le ty hoe:" nirehafen'Agnahare ro
safane.")[34]Bakeo le namoha ty vavave ty Petera naho nanao ty hoe:" Mare vatane, haiko fa Zagnahare le tsy
mifagnakany ndra aminia ia. [35]Fa kea, agne amity firene kirai-kiraike ndra ia ia ro miantsa vaho manao asa mare
le enkene iaby.[36]Haignareo ty talily ze nalefane hoahy ty ndaty Israely, laha fa nagnombara zaka soa miomba fy
filamina bakamity alala Jesosy Kirisity re, ty Tompo ty maro-[37]Nareo vatanareo le mahay reo zaka nisy, ze vatane
nisy tao amity toera iaby tao Jodia, nanomboke tagne Galilia, tafara ty Batisa ze natalily Jaona; [38]reo zaka-nisy
mikasike i Jesosy Nazareta, ty fomba nagnosoran'Agnahare aze tamity Fagnahy Masy vaho tamity here. Nandeha

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nanao soa re vaho nagnafake iaby ze tana ty devoly, satria Zagnahare le niraike tamine.[39]Tika le vavolombelo reo
zaka vita Jesosy iaby, tagne amity tane Jiosy vaho tane Jerosalema. Vinono iereo re tamity alala ty fagnatogna aze
tamity hetae, [40]fa Zagnahare nananga aze tamity andro fahatelo naho nanao ze hahisaha aze, [41]tsy reo ndaty iaby,
fa reo vavolombelo ze voafilin'Agnahare taloha tamintika ze nihina vaho nino niarake tamine tafara ty
nitsanganane tamity mate.[42]Nandily anay re mba hitalily amity ndaty vaho hitsanga vavolombelo fa re ty raike
finilin'Agnahare ho Mpitsara ty velo vaho ty mate. [43]Ho aze ro hitsanga ty mpamisavisa iaby vavolombelo, mba ho
reo ze mino aze ro hahazo famotora heloke amity alala ty agnarane.[44]Laha mboe nirehake ze zaka zay ty Petera,
le nipoke tamireo iaby ze nidranjy ty taliline ty Fagnahy Masy. [45]Reo ndaty tagnate ty vondro mpino voasavatre-
reo iaby ze niraike tamy Petera-le gaga, satria ty fagnomea ty Fagnahy Masy le natao hoahy ty Jentilisa avao kea.
[46]Fa rey iereo Jentilisa,mirehake amity rehake hafa vaho mandaza an'Agnahare. Le namale ty Petera ty hoe: [47]Feie
vao misy ndaty afake mita rano mba tsy hanova batisa iereo, reo ndaty ze nahazo ty Fagnahy Masy manahake
antika kea? Le nandily iereo mba hatao batisa amity agnara Jesosy Kirisity re. Naho nangatake aze iereo mba
hitoboke hiarake amiereo zisike ty andro kele avao.

Chapter 11

[1]Naho reo apositoly vaho reo rahalahy ze tagne Jodia naharey fa reo Jentilisa avao kea le nahazo ty
safan'Agnahare. [2]Laha fa nimbaeo Jerosalema ty Petera, reo ze tao amity antoko ty voasavatre le nandatsa aze;
[3]hoe iereo ty hoe:" Riha nikamba niarake tamireo lahilahy tsy voasavatre vaho nisakafo niarake tamiereo!"[4]Fa
Petera nanomboke nagnazava ty zaka nisy tamiereo tsikelekele; hoe re ty hoe: [5]Nivavake tagne amity tana Jopa
raho, naho nahisake fahisaha ty amity fisian-jaka raike ze nizotro, manahake ty lamba bey nizotro bakagne
andagnitse tamireo zorone efatre raho. Nizotro tamiko eo zay. [6]Nidranjy zay raho naho nidineke miomba zay.
Nahisake reo biby manatomboke efatre te tagne, reo biby nala, reo biby milaly, naho reo voro ene amity lagnitre
raho.[7]Bakeo raho le naharey feo nanao tamiko hoe:" Mitsangana, ry Petera; mamonoa naho mihinana."[8]Hoe raho
hoe:" Aha, ry Tompo; fa tsy mboe nisy zaka tsy masy na maloto vatane nilitre tambavako ato." [9]Fa ty feo namale
bakagne andagnitse ndraike hoe:" Ze natalilin'Agnahare fa malio, ko atao ty hoe maloto." [10]Niseho intelo zay, naho
bakeo le nalae nihere niakatre tagne andagnitse ndraike ty zaka iaby[11]Ingo, teo naho eo le nisy telo lahy nitsanga
tagnoloa ty tragno ze nisy anay, nalefa bakagne Kaisaria nimbatoy amiko iereo. [12]Ty Fagnahy le nandily ahy
hiarake amiereo, naho tsy tokone hagnisy fagnentea tarehe amiereo raho.Reo rahalahy enina reo le nandeha
niarake tamiko, naho nandeha nimbaeo antragno ty lahilahy zahay. [13]Re nirehake taminay ty nahisahane anjele
raike nitsanga tantragnone ao naho nirehake hoe:"Magniraha lahilahy agne Jopa naho ento mihere ty Simona te
atao ty hoe Petera. [14]Re le hitalily fahatse raike aminao zay hahavonje anao- riha vaho ty fokonao iaby."[15]Laha
vaho nanomboke nirehake tamiereo raho, ty Fagnahy Masy le niavy tamiereo, manahake ty nizotroane taminay
tagne amboalohane. [16]Tiaroko ty safa Tompo, ty nanovane ty hoe:" Jaona nanao batisa tamity rano vatane; fa
nareo le mila hatao batisa amity Fagnahy Masy."[17]Ka laha Zagnahare nagnomea iereo ty fagnomea mitovy amize
nomeane antika tamintika nino Tompo Jesosy Kirisity, ia raho,ro ho afake handietse an'Agnahare?" [18]Laha fa rey
iereo ze zaka zay, tsy nirehake ndra ino ino havale iereo, fa niantsa an'Agnahare kea iereo naho nanao ty hoe:"
Naho Zagnahare nagnomea fibebaha ho havelo hoahy reo jentilisa avao kea."[19]Naho reo ze zinara noho ty
faneseha ze namototse tamity fate Stefana le nizara lavitre tagne Foinika, Kyprosy, naho Antioka, fa iereo le
nitalily hafatre miomba Jesosy tamireo Jiosy arere avao. [20]Fa ty ilane tamiereo, reo lahilahy bakagne Kyprosy
vaho Kyrena, le nandeha tagne Antioka naho nirehake tamireo Grika avao kea, nirehake tamiereo ty zaka soa
miomba ty Tompo Jesosy. [21]Ty tagna Tompo le niarake tamiereo; maro isake ro nino naho nitolike tamy Tompo.
[22]Reo vaovao miomba iereo le niavy tegne antsofy ty fiangona tao Jerosalema, naho iereo nagnirake Barnabasy
zisikagne Antioka. [23]Laha fa niavy re ka nahisake ty fagnomean'Agnahare, le falefale re, naho re nagnamafe ie
iaby mba hiarake amy Tompo amity arofo iereo iaby. [24]Satria re le lahilahy soa vaho lako ty Fagnahy masy vaho
finoa, naho ndaty lako ro niampe hoahy Tompo.[25]Le nindeha nimbaeo Tarsosy ty Barnabasy mba hipay Saoly.
[26]Laha fa hisane re, le nientene tagne Antioka. Naho zisike ty herentao iereo le nivory raike niarake tamity
fiangonana naho nagnanatre ndaty maro. Reo mpianatre le kinaike voalohane hoe Kirisitiana Antioka ao.[27]Naho
tamize andro le nisy mpamisavisa maro nimbaeo bakagne Jerosalema nimbaeo Antioka. [28]Raike tamiereo, i
Agabo ro ikaiha aze, nitsanga naho tinoro ty Fagnahy fa hisy kere bey hisy magnera zao tontolo zao. Nisy zay
tamity andro Klaodio.[29]Laha zao, reo mpianatre, arake ty vita ty kirai-kiraike iaby, le nanampakevetre ty handefa
fagnampea hoahy reo rahalahy tagne Joda. [30]Nanao zay iereo; nandefa vola hoahy reo olobey iereo tamity tana
Barnabasy vaho Saoly.

## Chapter 12

[1]Naho tamize andro zay Heroda mpanjaka nitsepake reo ilane ze ahy ty fiangona mba hampijaleane iereo.
[2]Vinonone tamity meso Jakoba rahalahy Jaona.[3]Naho laha fa hisane fa nahafale reo Jiosy zay, le nanao ze
hitsepaha Petera kea re. Zay le zisike ty andro ty mofo tsy misy masirasira. [4]Laha fa baka tsinepake re, le nataone
tagne ampigadra re naho nanendre miaramila efa-toko hiambe aze, nidineke ty hinday aze amity ndaty eo afara
ty Pasake re.[5]Laha zao le nitane tampigadra ao ty Petera, fa ty vavake le natao reo ze tao ampiangona mafe kea
tamin'Agnahare hoaze. [6]Ty hale aloha ty handesa Heroda aze ho tsarae, Petera le niroro tampagnivoa ty
miaramila roe eo, voafehe tamity sene roe, laha mboe nijano niambe ty figadra ty mpiambe taloha ty varavara
eo.[7]Ingo, nisy anjele Tompo niseho tampoke tagnilane eo, naho nisy hazava namiratre tagnate ty efetre ty figadra.
Namofoke Petera tantsisine eo re naho namoha aze ka nanao ty hoe:" Mitsangana malaky", naho ty sene niala
tamity tagnane. [8]Ty anjele nirehake tamine hoe:" Ampiakanjo ty vatanao naho agnisio ty kiraronao." Le natao
Petera arake zay. Ty anjele nanao ty hoe tamine:" Agnisio ty akanjonao ambalike naho magnoriha ahy."[9]Le
nagnorike ty anjele ty Petera naho niakatre. Tsy haine fa reo ze nanoe ty anjele le vatane ie. Nidineke re fa
nahisake fahisaha. [10]Laha fa baka nandrio tamity mpiambe voalohane vaho faharoe iereo, le niavy teo amity
vavahady vy minday mbaeo amity tana; nivoha hoaze tamiereo zay. Niakatre iereo naho nizotro tamity lala
raike, naho ty anjele niala aze eo.[11]Laha fa nihere tamity vatane Petera, nirehake re ty hoe:" Amizao le haiko mare
fa ty Tompo ro nandefa ty anjele naho nagnafake ahy tamity tagna Heroda, vaho tamity zaka iaby ze linigne ty
Jiosy hiseho. [12]Laha fa nandineke izay re, le nimbaeo amity tragno Maria rene Jaona, atao ty hoe Marka, te nisy
ndaty maro nivory vaho nivavake.[13]Laha fa nandondo tambavahady eo re, nisy mpanompo vave raike atao ty hoe
Roda avy namale. [14]Laha fa haine ty feo Petera, tamin-kafalea le tsy nahavita namoha ty varavara re; fa kea,
nandeha nilay nimbaeo antragno re, nitaliliene fa Petera nitsanga tambaravara eo. [15]Le nirehake tamine iereo
hoe:" Gege riha." Fa nizizo re fa zay ro ie. Nirehake iereo ty hoe:" Ty anjelene zay."[16]Fa Petera nanohy nandondo,
naho laha fa vinoha iereo ty lala, le nahisake aze iereo naho Gaga. [17]Petera nagnetseke ty tagnane tamiereo mba
hitsy, naho nirehafene tamiereo ty fomba hindaisa Tompo aze niakatre ty figadra. Hoe re ty hoe:" Rehafo agne
Jakoba vaho reo rahalahy ze zaka zay." Le niala re naho nandeha tagne tamity toera hafa.[18]Naho laha fa nazava ty
andro, le tsy nisy zaka-kele tamireo miaramila ty amize niseho tamy Petera. [19]Laha fa baka nipay aze Heroda
naho tsy nahita aze, le nagnody ty mpiambe re naho nandily iereo mba hovonoe. Le nizotro bakagne Jodia
nimbaeo Kaisaria re naho nitoboke tagne.[20]Naho Heroda le meloke vatane tamity vahoake Tyra vaho Sidona.
Niarake nimbaeo amine iereo. Nanambetambe Blasto iereo, ty mpamisavisa ty mpanjaka, mba hagnampe iereo.
Le nangatake filongoa iereo, satria ty tana iereo le mandrambe ty sakafone bakamity mpanjaka ty tana. [21]Tamity
andro voatondro Heroda le nampiakanjo ty vatane akanjo mpanjaka naho nitoboke teo amity sezan-droandria;
nikabary tamiereo re.[22]Nikorake ty vahoake:" Zay le feo Nagnahare, fa tsy anon'Nadty!" [23]Teo naho eo nisy anjele
Tompo namofoke aze; satria tsy nagnomea hasy an'Agnahre re; nihane ty soko re le nimate.[24]Fa ty safan'Agnahare
nitombo vaho nihalako. [25]Ka laha fa vita Barnabasy vaho Saoly ty irake nampanove iereo, le nihere bakagne(Ty
ilane amireo dikan-tsoratre taloha manao ty hoe:" Iereo nihere tagne Jerosalema) Jerosalema iereo, ninday i
Jaona niarake tamiereo, te atao ty hoe kea Marka.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 13

[1]Naho tao amity fiangona tao Antioka, le nisy mpamisavisa vaho mpampianatre maro tao. Iereo le Barnabasy,
Simona( ty atao ty hoe Nigera), Lisiosa bakamy Sirena, Manaena(ty rahalahy niolonono tamy Heroda mpandily),
naho Saoly. [2]Laha mboe niantsa ty Tompo vaho nifaly hane iereo, ty Fagnahy Masy nanao ty hoe:" Atokano hoahy
Barnabasy ty Saoly, mba hanao ty asa ze nipaiako iereo." [3]Tafara ty nifalia iereo hane, vaho nivavahane, naho
nametraha iereo tagna tamireo lahilahy reo, iereo le nalefa iereo.[4]Ka nagneke ty Fagnahy Masy ty Barnabasy
vaho Saoly ka nandeha nimbaeo Selosia; bakegne iereo le nandeha sambo hoagne amity nose Sipra. [5]Laha fa tao
amity tana Salamina iereo, le nitalily ty safan'Agnahare tao amity Synagoga reo Jiosy iereo. Naho nana Jaona
Marka kea iereo mba ho mpagnomba iereo.[6]Naho laha fa namakivaky ty nosy raike iaby mbaeo Pafosy iereo, le
nahisake mpanao aoly, ty mpamisavisa sandoke, naho ty agnarane le Bara Jesosy. [7]Mpanao aoly ty niara-niasa
tamireo governora, Serjio Paolosy, ty lahilahy vatane mahay. Tsinepa i lahilahy io ty Barnabasy vaho Saoly, satria
te haharey ty safan'Agnahare re. [8]Fa Elimasy" mpanao aoly"(zay ro nanaova ty agnarane) nandietre iereo; naho
niha ty hagnody ty governora hiala amity finoa re.[9]Fa Saoly, te atao ty hoe avao kea Paoly, le feno ty Fagnahy
Masy, naho nandineke aze soa. [10]Naho nanao ty hoe:"Riha ty ana ty Devoly, riha le feno ty karam-pitake vaho
haratia iaby. Fahavalo ty mare iaby riha. Tsy hitofa ty hagnotake ty lala mahity Tompo vatane riha, sa tsy zay?[11]Fa
ingo henanezao, ty tagna Tompo aminao eo, ka hizare goa riha. Naho tsy hahisake ty masoandro aloha riha." Teo
naho eo le nipoke tao amy Elimasy ty fajanvogna vaho faieke; nanomboke niriorio naho nangatake tamity ndaty
re mba hitarike aze amity tagna. [12]Laha fa baka nahita ze zaka niseho ty governora, le nino re, satria gaga tamity
fagnanara miomba ty Tompo re.[13]Naho Paoly vaho ty namane le nandeha sambo baka Pafosy nimbaeo amy Perga
agne Pafilia. Fa Jaona kea niala iereo naho nihere tagne Jerosalema. [14]Paoly vaho reo namane le nandeha bakagne
Perga naho nimbaeo Antioka Pisidia. Naho tao le nandeha nimbaeo amity Synagoga tamity andro Sabata iereo
naho nitoboke. [15]Tafara ty famakia ty lily vaho ty mpamisavisa, le nandefa talily tagne amiereo ty mpitarike ty
Synagoga nanao ty hoe:"Ry rahalahy, laha mana talily fagnamafea hoahy ty ndaty eto nareo, le rehafo zay."[16]Ka
nitsanga Paoly naho nanao fihetseke tamity tagnane, nanao ty hoe:"Ry ndaty Israely naho nareo ze nagnomea
hasy an'Agnahare, midranjigna. [17]Ty Zagnahare ty ndaty Isarely le nifily ty raentika naho nanombo isake ty ndaty
laha fa nitoboke tao amity tane Egypta, naho tamity fagnakara ty sandrine ro nitarihane iereo hiakatre ty ao.
[18]Naho zisike ty efapolo tao teo ho eo ro nandeferane iereo tagne agnefetre. (Fagnamarena:Ty dikan-drehake
taloha le manao hoe izao:"Zisike ty efa-polo tao eo ho eo le nagnampe iereo tagne agnefetre re.")[19]Naho laha fa
baka nandrava firene fito tagne amity tane Kanana re, le nameane ty vahoakentika ty tane iereo mba ho lova. [20]Ze
zaka iaby niseho zay le fa tamity faha-dimampolo vaho efa-jato tao. Tafara ze zaka iaby zay, Zagnahare
nagnomea mpitsara iereo zisike ty iavia Samoela mpamisavisa.[21]Le nangatake mpanjaka ty ndaty bakeo, naho
zagnahare nagnomea iereo Saoly anadahy Kisa, lahilahy ty bakamity foko Benjamina, mba ho mpanjaka zisike ty
efapolo tao. [22]Naho bakeo ty Zagnahare nagnafake aze eo amity fanjakane, ka nagnakatre Davida ho mpanjaka
iereo. Fa zay ro nirehafen'Agnahare miomba Davida ty hoe:" Le fa nahisake Davida ana Jese raho mba ho ndaty ty
foko, ty hanao iaby ze teako hataone.[23]Fa bakamity foko lahilahio ro hindaisan'Agnahare mpagnavotre hoahy
Israely, le Jesosy, arake ze le fa nampagnategnaene hatao. [24]Nanomboke niseho zay, taloha ty nihavia Jesosy, Jaona
nagnombara voalohane tamity vahoake Israely iaby miomba ty batisa ty fibebaha. [25]Satria Jaona le fa nahavita ty
asane, le hoe re:" Ia ro hidinehanareo ahy? Tsy zaho ty ie. Fa dranjigno, hisy raike hoavy afarako, naho ty kiraro
ty tombone le tsy hagneva ahy ty hagnaha aze.[26]Ry rahalahy, anake bakamity foko Abrahama, naho ty miantsa
an'Agnahare iaby aminareo eo, hoantika ro nandefasa ze talily miomba ty famonjea zay. [27]Fa reo ze mitoboke
agne Jerosalema, vaho ty mpifehe iereo, le tsy nahay aze, ka lefe iereo ty reha ty mpamisavisa te vakie isa-meso
ty amity fimeloha aze.[28]Ndra le tsy mahisake antone soa hamonoa aze aza iereo, le nangatake tamy Pilaty avao
mba hamono aze. [29]Laha fa lefe iereo ty zaka iaby ze voasoratre miomba zay, le nazotro iereo tegne amity hetae
Re naho nampiroroene tan-kibory ao.[30]Fa Zagnahare kea nananga aze tamity mate. [31]Naho hisa reo ze niarake
niakatre tamine bakagne Galilia mbaeo Jerosalema re zisike ty andro maromaro. Naho henanezao le reo ndaty
reo ro vavolombelo hoahy ty ndaty.[32]Laha zao zahay mirehake aminareo ty zaka soa te
nampagnategnan'Agnahare tamity raentika ze le fa lefene hoantika, [33]ana iereo, tamity nanangana Jesosy. Arake
ze le fa voasoratre ao amity salamo faharoe hoe:' Anako riha, amizao ho lasa Raenao raho.' [34]Ty antone
nanangana aze tamity mate le ty mba tsy hahasimba zisikezay ty vatane, Zagnahare nirehake hoe izao:' Homeako
anareo ty fitahia masy vaho azo antoke nampagnategnae Davida.'[35]Zay kea ro nahavy aze nirehake tao amity
salamo hafa ty hoe:" Tsy hamototre ty Masy hahisake ty lo riha." [36]Satria laha fa nanao reo fagnirian'Agnahare
hoahy ty foko Davida le azon-droro re, ka nampandrene niarake tamireo raene re naho ty vatane niazo ty
fahalova. [37]Fa re ty natsangan'Agnahare le tsy niazo ty harava.[38]Ka ao ho hainareo zay, ry rahalahy, fa tamity alala


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

lahilahy io ro nagnambara taminareo ty famotora ty hadisoa. [39]Amity alala ty ndaty kirai-kiraike ze mino le
voamare amity zaka iaby ze mete tsy ho voamare i lily Mosesy io.[40]ka miambena mba tsy hiseho aminareo ze
zaka nirehafe ty mpamisavisa hoe:" [41]"Ingo, nareo ry mpanao tsinonttsino, le ho gaga naho ho velo. Fa Izaho
manao asa amity andronareo, Asa ze tsy ninoa nareo vatane, na le misy ndaty magnambara zay aminareo
aza."[42]Lafa fa lasa ty Barnabasy vaho Paoly, le nangatake iereo ty ndaty mba hitalilia iereo reo tsara reo avao
amity Sabata magnarake. [43]Laha fa tampetre ty fivoria tao amity Synagoga, le maro tamireo Jiosy vaho reo
proselita mahafale ro nagnorike Paoly vaho Barnabasy, ty nirehake tamiereo vaho nandrisike aze mba hanohy ao
amity hasoavan'Agnahare.[44]Tamity Sabata magnarake, le fa ho ty tana iaby ro niarake nivory mba haharey ty safa
Tompo.
[46]Fa paoly vaho Barnabasy nirehake ampahasahia naho nanao ty hoe:" Paie ho voarehake aminareo aloha ty
safan'Agnahare. Fa laha fa manoseke zay nareo naho midineke ty vatanareo ho tsy soa amity havelo zisikagne, le
ingo, hihere agne amity jentilisa zahay. [47]Arake ze le fa nandilia Tompo anay, manao ty hoe:" Natoboke mba ho
hazava ty jentilisa nareo, zay ro tokone hindaisanareo famonjea hoahy reo ze agne amity faram-bazan-
tane."[48]Laha fa naharey zay ty jentilisa, le fale vaho niantsa ty safa Tompo. Naho maro reo ty voatendre ho amity
finoa ty fiaigna zisikagne ro nino. [49]Naho ty safa Tompo le niele era ty faritre iaby.[50]Fa ty Jiosy kea le nandrisike
reo ampela mafe vaho manan-danja, vaho reo lahilahy mpitarike tao antana. Niterake fipaia i Paoly vaho
Barnabasy zay naho nanorake iereo hoagne ambaly ty sisin-tane ty tana. [51]Fa Paoly vaho Barnabasy nagnintsa ty
deboke tamity tombo iereo mba handiera iereo. Naho bakeo iereo le nimbaeo amity tana Ikoniama. [52]Naho ty
mpianatre le feno hafalea vaho ty Fagnahy Masy.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 14

[1]Naho tamizay tao Ikonioma Paoly vaho Barnabasy niara-nilitse tao amity Synagoga Jiosy ka nirehake tam-
pahimba naho ty vahoake maro bey Jiosy vaho Grika le nino. [2]Fa ty Jiosy ze nimete kea le nagnoronta ty say ty
jentilisa ka nahavy iereo handietre reo rahalahy.[3]Ka nitoboke ela teo iereo, nitsara ampahasahia niarake tamity
here Tompo, tamity nagnomeane porofo mikasike ty talily ty amity hasoane. Re nanao zay tamity alala ty
famantara vaho fahagaga ze natao tamity alala ty tagna Paoly vaho Barnabasy. [4]Feie ty hamaroa ty tana le
nizarazara: ty ndaty ilane nifanao tamireo Jiosy, naho ty ilane niarake tamireo apositoly.[5]Laha fa nagnohatre
naharese lahatre ty mpitarike iereo ty jentilisa vaho ty Jiosy mba hamono vaho hitora-bato Paoly vaho
Barnabasy, [6]le ninjare nihaja iereo naho nilay tsiela tao antana Lykaonia, Lystra vaho Derbe, naho reo tana
magnodidy ty faritre, [7]ka tagne iereo ro nagnaro ty talily soa.[8]Nisy lahilahy raike nitoboke tao Lystra, maletre ty
tombone, hatra mboe nikele, teie le fa tsy nandeha zisikezay. [9]I lahilahio naharey Paoly nirehake. Paoly niatreke
aze soa tamity masone ka nahisake fa mana finoa ty hoafake re. [10]Ka nirehake tamine re tamity feo mafe ty hoe:"
Mitsangana amity tombonao." Laha nibakeo ty lahilahy le nitsekatseka naho nandeha teo amity magnodidy.
[11]Laha fa nahisake ze natao Paoly roe vahoake maro bey le nagnakatre ty feone iereo, nirehake tamity fireha ty
Lykonia ty hoe:" Nizotro bakagne andagnitse hoamintika amity sare ndaty reo zagnahare.' [12]Nikaike Barnabasy
iereo ty hoe" Jopitera", naho Paoly "Merkory", satria re ro mpandaha-tsara. [13]Ty mpisoro Jopitera, ty tempoly le
teo ambaly ty tana, le ninday agnombe vaho feheloha vy tambavahady eo; re vaho ty vahoake maro bey nidineke
hagnomea soro.[14]Fa ty apositoly, Barnabasy vaho Paoly, laha fa naharey zay le nandrovitre ty sikine iereo ka
nandeha tsiela ho ao agnate vahoake, nitaray vaho nanao ty hoe: [15]"Ry lahilahy, nagnino nareo ro manao ze zaka
zao? Zahay avao kea le ndaty mitovy aminareo avao. Zahay minday ty zaka soa ho anareo, mba hitolihanareo
hiala amize zaka foa zao hoagne amin'Agnahare velo, ty nanao ty lagnitse, ty tane, naho ty riake vaho ty zaka
iaby ze amine ao. [16]Tamity andro taloha, Re le namototre ty firene iaby nandeha tamity lalane arere iaby.[17]Kanefa,
Re le tsy namototre ty vatane tsy hisy vavolombelo, tamizay le nanao ty soa Re naho nagnomea anareo ranon'ora
bakagne andagnitse vaho ty fotoam-pahavokara, ka hameno ty arofonareo amity sakafo vaho hafalea." [18]Fa ndra
tamize rehake zay aza, Paoly vaho Barnabasy le tsy nitofa nita ty vahoake maro bey tsy hanao soro hoahy iereo.
[19]Fa ty Jiosy ilane bakao Antiokia vaho Ikonioma le niavy naho nandrese lahatre ty vahoake. Iereo nitora-bato
Paoly vaho nitarike aze hiakatre ty tana, naho nidineke fa mate re. [20]Naho laha mboe nitsanga nagnodidy aze teo
reo mpianatre, le nitsanga re naho nilitre ty tana. Ty hamaray, le nandeha8 nimbaeo Derbe niarake tamy
Barnabasy re.[21]Bakeo iereo nitalily ty zaka soa tao amize tana zay eo ka nahazo mpianatre maro, nihere tao
Lystra iereo, tagne Ikonioma, vaho tagne Antiokia. [22]Iereo le nanohy nagnamafe ty fagnahy reo mpianatre naho
nandrisike aze mba hanohy ao amity finoa, ro vaho nitalily fa:" Tsy maintsy amity fijalea maro bey ro hilirantika
ao amity fanjakan'Agnahare."[23]Laha fa nanendre olobey hoahy iereo teo amity isam-piangona iereo, vaho
nivavake tamity fifalian-kane, le natolo iereo hoahy Tompo zay, sady ninoa iereo. [24]Le nandrio tamy Pisidia iereo
ka niavy tao Panfilia. [25]Laha fa nitalily ty tsara tao Perga iereo, le nandeha nimbaeo Atalia. [26]Bakagne iereo
nandeha sambo nimbaeo Antiokia, ty nahazoa iereo ty hasoavan'Agnahare hoahy ty asa ze vita iereo amizao.
[27]Laha fa niavy tao Antioka iereo naho namory niarake ty fiangona, le nitao ty zaka iaby ze vitan'Agnahare
tamiereo, vaho ty hoe akore ro nagnakarane varavara ty finoa hoahy reo Jentilisa. [28]Le nijano andro ela niarake
tamireo mpianatre iereo.

Chapter 151Ty ndaty ilane le nizotro bakagne Jodia zisikagne Antiokia naho nampianatre reo rahalahy, ka nanao ty hoe:" Laha tsy vita savatre arake ty fomba fatao Mosesy nareo, le tsy ho voavonje nareo."

[2]Zay le ninday Paoly vaho Barnabasy tamity fifandiera vaho aly dineke tamiereo. Laha zao ty Paoly vaho Barnabasy le voatendre niarake tamity ilane hafa tamiereo handeha agne Jerosalema mba hifankahita amireo apositoly vaho reo olobey miomba ze ontane zay.[3]Laha zao iereo, nalefa ty fiangona, le namakivaky Foinika vaho Samaria naho nitalily ty fiovam-po reo jentilisa. Iereo le ninday hafaleam-bey tamireo rahalahy iaby. [4]Laha fa niavy tao Jerosalema iereo, le rinae ty fiangona vaho reo apositoly naho reo olobey, ka nitalily reo zaka iaby ze nataon'Agnahare tamiereo.[5]Kane ty ndaty ilane ze nino, ze tao amity tahira Fariseo, le nitsanga vaho nanao ty hoe:" Paie ty manao ty savatse iereo vaho ty mandily iereo hiambe ty lily Mosesy." [6]Laha zao reo apositoly vaho reo olobey le niarake nivory mba handineke ze zaka misy zay.[7]Tafara ty aly hevetre bey, nitsanga Petera ka nirehake tamiereo hoe:" Ry rahalahy, hainareo fa le fa taloha ela bey Zagnahare ro nanao fifilia taminareo eo, mba ho amity alala ty vavako le tokone haharey ty safa ty zaka soa reo jentilisa, naho hino. [8]Zagnahare, ty mahay ty arofo, vavolombelo amiereo, nagnomea ty Fagnahy Masy iereo, hoe ty nataone tamintika; [9]naho tsy nanao fampisaraha tamintika vaho tamiereo Re, nagnalio ty arofo iereo tamity finoa.[10]Naho laha zao nagnino nareo ro mitsapa an'Agnahare, hoe tokone hametrahanareo joka eo amity vozo reo mpianatre nefa ndra ty razantika aza tsy mahavita mitarazo? [11]Nefa mino tika fa ho voavonje amity alala hasoava Tompo jesosy, hoe iereo avao kea." [13]Laha fa baka nijano nirehake iereo, le namale Jakoba, nanao ty hoe:" Ry rahalahy, dranjigno raho. [14]I Simeona le fa nagnambara ty fomba nagnampean'Agnahare tam-pahasoava voalohane reo Jentilisa mba hangalake amiereo ndaty hoamity agnarane.[15]Reo safagnireo mpamisavisa le miomba zay, arake ty voasoratre ty hoe:' [16]Afara reo zaka reo le hihere raho, naho hagnore ndraike ty tragno Davida raho, teie le fa nirebake; Hamboatre vaho hagnere amity lalane ndraike reo haravane raho, [17]mba hipay Tompo reo ndaty sisa tavela, agnate zay reo jentilisa iaby te kaihe amity agnarako.' [18]Ezao ro nirehafe Tompo, iereo ze le fa nanao zaka ao te fa hay tamity razambey taloha.(Fagnamarea: Ty dikan-drehake ilane taloha le mivaky hoe izao:" Ezao ro nirehafe Tompo, amiereo ze hay tamity andro taloha ty ilane iaby.)[19]Laha zao, ty heveko le, tsy tokone hagnoronta iereo bakamity Jentilisa ty nitolike tamin'Agnahare tika. [20]Fa tika le hanoratre hoahy iereo fa tsy maintsy miala amity loto o sampe eo iereo, amity haratia, naho amity hena reo biby voafeo, vaho amity lio iereo. [21]Satria Mosesy le fa voatalily tamity isan-tana tamity andro taloha naho re le vakie ao amireo Synagoga isake ty Sabata."[22]Le hoe soa tamiereo apositoly vaho reo olobey, niarake tamity fiangona iaby, ty hifily Joda iaze atao ty hoe Barnabasy, vaho i Silasy, ty mpitarike ty fiangona, vaho ty handefa iereo agne Antokia miarake amy Paoly vaho Barnabasy. [23]Iereo le nanoratre toy:" Zisikagne amireo apositoly vaho olobey, reo rahalahinareo, zisikamireo rahalahy bakagne Jentily agne Antiokia, Siria, naho Kilikia: Arahaba![25]Ezao ro ie, zahay iaby le fa nagnenke ty hifily reo lahilahy vaho handefa iereo agne aminareo miarake amy Barnabasy vaho Paoly namanay, [26]lahilahy te nanao ty arofone tsy ho ino hoahy ty agnara Jesosy kirisity Tompontika.[27]Laha zao zahay le magnirake Joda vaho Silay, ty hitsara aminareo zaka ao avao amity tsara iereo arere. [28]Fa toe soa amity Fagnahy Masy vaho aminay, ty tsy hampinday anareo entam-bey naho reo zaka vatane paie reo: [29]mba hialanareo amireo zaka nanoenareo ho fagnatetre amity sampe, lio, reo zaka voafeo, naho bakamity zaka raty. Laha miambe ty vatanareo amizay nareo, le ho soa aminareo zay. Veloma."[30]Laha zao iereo, laha fa voaroake, le nandeha agne Antiokia; bakeo iereo le namory ty vahoake raike, naho nanolotre ty taratasy iereo. [31]Laha fa voa vaky iereo zay, le nifale iereo amity fagnamafea. [32]Joda vaho Silay, mpamisavisa avao kea, le nagnamafe reo rahalahy tamity safa maro vaho nagnamafe iereo. [33]Laha fa baka nijano andro kele-kele tao iereo, le nalefa am-pilamina bakamireo rahalahy hoagne amity nandefa iareo iereo. [34]|fagnamarea: Ty dikan-drehake taloha vatane le magnafake ty andinene faha [35]Fa Paoly vaho Barnabasy le nijano tagne Antiokia niarake tamireo maro hafa, ty nagnanara iereo vaho nagnambara iereo ty safa Tompo.[36]Tafara ty andro kele Paoly le nirehake tamy Barnabasy hoe:" Andao tika hihere amizao naho hamangy rahalahy reo agne amity tana iaby ty nagnaroantika ty tsara Tompo, naho hahisake te hoe manao akore iereo." [37]I Barnabasy le te hinday avao kea Jaona te atao ty hoe Marka hiraike amiereo. [38]Nefa Paoly nidineke fa tsy soa ty hindaisa Marka, ty nienga iereo tagne Panfilia vaho tsy nanohy niara-niasa tamiereo niasa.[39]Bakeo le nisy fifandiera mafe, ka nisarake iereo, naho Barnabasy ninday Marka niarake tamine naho nandeha sambo mbaeo Sipra. [40]Fa Paoly nifily Silasy naho nandeha, tafara ty nagnomea rahalahy reo aze asa hoahy ty hasoava Tompo. [41]Bakeo re le nandeha namakivaky Syria vaho Kilikia, ka nagnamafe fiangona reo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 16

[1]Niavy tagne Derbe vaho Lystra avao kea Paoly, naho ingo, teo ty mpianatre raike atao ty hoe Timoty, anadahy ty
ampela jiosy ty nino; Grika ty raene. [2]Re le soa laza tamireo rahalahine te tagne Lystra naho Ikonioma. [3]Tea Paoly
hiharo lia amine re; le nalaene re naho norofane naho roe Jiosy ze tamy toera ao, satria hay ie iaby fa Grika ty
raene.[4]Laha nandeha namakivaky reo tana maro iereo, le nagnomea hevetre hoahy reo mpino mba hagnenke ty
fagnanara, ty sinora Apositoly vaho ty olobey tao Jerosalema. [5]Ka niha-mafe tamity finoa ty fiangona naho
nitombo isa isan'andro.[6]Nandeha namakivaky ty faritre Frygia vaho Galatia Paoly vaho ty namane, satria rinara
ty Fagnahy Masy iereo hagnambara ty rehake agne amity faritre Asia. [7]Laha fa nilitre niharine Mysia, le te-
handeha hoagne Bitynia iereo, nefa sinoka ty Fagnahy Jesosy iereo. [8]Ka nandrio tamy Mysia, le nandeha nizotro
tagne amity tana Troasy iereo.[9]Nahisake fahisaha ty Paoly tamity hale: lahilahy raike Makedoniana nitsanga teo,
nikaike aze naho nanao ty hoe:" Avia bakao Makedonia naho vonjeo zahay." [10]Laha fa baka nahisake ty fahisaha
ty Paoly, le nandeha mbaeo Makedonia mbaeo zahay, nahatsapa fa Zagnahare ro nikaike anay mba hitalily ty
zaka soa amiereo.[11]Nandeha sambo naho zay bakagne Troasy, le nimbaeo mahity hoagne Samatrakia zahay, naho
nimbaeo Neapolia zahay ty andro magnarake. [12]Bakeo le nandeha nimbaeo Filipy zahay, zahay le mboe tana
Makedonia, te tana manan-danja vatane ao amity faritre vaho ty zanan-tane Romanina, naho nijano tao amize
tana zay zisike ty andro maro zahay. [13]Tamity andro Sabata le nandeha tagne ambaly ty vavahady agnila ty Rano
zahay, te niheverenay fa misy toeram-pivavaha. Nitoboke zahay naho nirehake tamireo ampela ze niarake niavy
teo.[14]Nisy ampela raike atao ty hoe Lydia, mpivaro-damba volomparasy bakagne amity tana Tyatira, te nanompo
an'Agnahare, nidranjy anay. Namoha ty arofone ty Tompo hiambe ty rehake ze nirehafe Paoly. [15]Laha fa vita
batisa re vaho ty fokonay, le nandrisike anay re, nanao tihoe:"Laha nitsara ahy hatoky Tompo nareo, le milira
naho mitoboha antragno ao." Naho namolake anay re.[16]Naho tamizay, laha nandeha nimbaeo amity toeram-
pivavaha zahay, le nisy ajampela raike zay nana ty fagnahy ty sikily nifanoje taminay. Nanday tombone maro
hoahy ty tompone tamity alala ty sikily re. [17]Nagnorike anay vaho Paoly bakafara i ampela ao naho nikaike mafe
nanao ty hoe:" Reo lahilahy reo le mapanompon'Agnahare Agnabo vatane. Magnambara aminareo ty lalam-
pamonjea iereo." [18]Nanao zay zisike ty andro maro re. Fa Paoly le nanomboke kamo taminay ka nitolike naho
nirehake tamity fagnahy ty hoe:"Mandily anao amity agnara Jesosy Kirisity raho mba hiakatre amine ao." Naho
niakatre amizay zay.[19]Laha fa hisa reo tompone fa lasa ty fagnategna ty amity tombone hoahy iereo, le tsinepa
iereo ty Paoly vaho Silasy naho tinarine iereo hoagne an-tsena tagnoloa reo manam-pahefa. [20]Laha fa nanday
iereo tagnoloa reo mpitsara iereo, le nanao ty hoe:" Magnoronta ty tanan-tika ty lahilahy re toa. Jiosy iereo.
[21]Mitalily fomba te tsy ara-dala hoahy ty Romanina ty magnenke ndra manao aze iereo."[22]Le nitsanga ty vahoake
nandietre Paoly vaho Silasy; nagnafake ty lambane iereo ty mpitsara naho nandily iereo mba ho fofohe amity
hetae. [23]Laha fa finofoke mafe iereo, le nalefa iereo agne ampigadra naho nandily ty mpiambe mba hiambe mafe
iereo. [24]Laha fa nahazo ze lily zay ty mpiambe, le nalefane tagne amity farane laleke vatane amity figadra iereo
naho finehene tamity hetae ty tombo iereo.[25]Tamity vakimira hale le nivavake ty Paoly vaho Silasy naho niantsa
an'Agnahare, naho reo gadra hafa le nidranjy iereo. [26]Tampoke teo nisy horohorontane bey, ka nagnozohozo ty
foto ty figadra; naho nivoha amizay ty varavara iaby, naho nivaha ty fehea ty ndaty iaby.[27]Taitre tamity roro ty
mpiambe ty figadra naho nahita ty varavara ty figadra nivoha; nagnakatre ty mesone re ka fa ho namono ty
vatane, satria ty dinene nilay gadra reo. [28]Fa nikaike tamity feo mafe Paoly, nanao ty hoe:" Ko magnisy fere ty
vatanao, satria ato iaby zahay iaby."[29]Nampikaike Jiro ty mpiambe ty figadra naho nilitre malaky agnatene ao,
nihovitre naho ty tahotre, nihohoke tagnoloa Paoly vaho Silasy, [30]naho nanday iereo vaho nanao ty hoe:"
Tompoko, ino ro tsy maintsy hataoko mba ho vonje?" [31]Hoe iereo ty hoe:" Minoa Tompo Jesosy, le ho voa vonje
riha, riha vaho ty fokonao."[32]Nitalily ty safa Tompo tamine iereo, niarake tamity ndaty iaby tantragnone ao.
[33]Bakeo le nandrae iereo tamity hale tamigne avao ty mpiambe figadra, naho nanasa ty fere iereo, naho re vaho
reo iaby tao amity tragnone iaby le natao batisa teo naho eo. [34]Bakeo le nientene niakatre tantragnone ao ty Paoly
vaho Silasy naho nandroso sakafo tamiereo re, le nifale vatane re niarake tamiereo ze tantragnone ao, fa le fa
nino an'Agnahare re.[35]Naho laha fa maray ty andro, le nandefa rehake tamireo mpiambe ty mpitsara, nanao ty
hoe:" Engao handeha reo lahilahy reo." [36]Nitalily ze safa zay tamy Paoly ty mpiambe, nanao ty hoe:" Nampinday
tsara tamiko reo mpitsara mba hamototre anareo handeha: laha zao henanezao miakara, naho mandehana
ampilamina."[37]Fa nirehake tamiereo ty Paoly ty hoe:" Namofoke anay amaso-amaso tsy nisy fitsara iereo, ndra le
mita ty zom-pirene Romanina aza zahay_naho nalefa iereo tampigadra ao. Henanezao le tea iereo ho halefa
ambalike vao zahay? Aha! Ao ty vatagniereo ro ho avy eto vaho hitarike anay hiakatre." [38]Nitalily ze safa zay
tamity mpitsara ty mpiambe, naho laha vaho naharey iereo fa romanina ty Paoly vaho Silasy, le natahotre iereo.
[39]Avy naho nialatsiny tamiereo ty mpitsara naho nanday iereo niakatre, nangatake iereo mba hiala antana ao.[40]Ka

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

niala tao ampigadra ty Paoly vaho Silasy naho nimbaeo antragno Lydia. Laha fa nahisake reo lahilahy ty Paoly vaho Silasy, le nagnamafe iereo naho bakeo le niala tao antana iereo.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 17

[1]Naho laha fa nadrio ty tana Anfipolia vaho Apolonia iereo, le niavy tao amity tana Tesalonika iereo, te nisy
Synagoga Jiosy. [2]Paoly, arake ty fomba fataone le nimbaeo amiereo, naho nadineke niarake tamiereo bakao amity
soratre Masy zisike ty andro Sabata telo.[3]Sinokane ty Soratre Masy naho hinazane fa pinay Kirisity ty nijale vaho
hitsanga ndraike amity mate. Hoe re ty hoe:" I Jesosy ze ataliliko aminareo o ro Kirisity." [4]Mete ty ilane tamireo
Jiosy naho nagnorike Paoly vaho Silasy, agnate zay reo mpivavake Grika maro isa, naho lako ty ampela mpitarike.
[5]Fa reo Jiosy tsy mpino nientem-pialogna le nangalake reo ndaty raty fagnahy bakagne antsena, namory niarake
ty vahoake, naho nanabataba ty tana. Nanafike ty tragno Jasona, te handay Paoly vaho Silasy hiala ty vahoake
iereo. Fa laha fa tsy hitane iereo, le tinary iereo ty Jasona vaho ty rahalahy hafa ilane ho eo agnoloa ty manam-
pahefa ty tana, nitagny, "Ty lahilahy ze namalike ze iaby zao toa le avy eto avao kea. [7]Ty lahilahy ze
nampandrosoe Jasona toa le mandietre ty lily Kaisara; mirehake iereo fa misy mpanjaka hafa le i
Jesosy."[8]Voaelengele ty vahoake vaho ty manam-pahefa tamity tana eo laha fa naharey ze zaka zay. [9]Fa laha fa
bakeo ty manam-pahefa nampanao vaho nampandoa vola Jasona vaho ty sisane mba ho antoke, bakeo iereo
namototre iareo handeha iereo.[10]Nalefa reo rahalahy tagne Beria ty hale Paoly vaho Silasy. Laha fa niavy agne
iereo, le nilitre tao amity synagoga Jiosy. [11]Naho reo ndaty reo le mihaja tane reo agne Tesalonika, fa nandrae ty
tsara tamim-pahavognona ty say iaby iereo, nandineke ty soratre Masy isan'Andro mba hahita laha vatane zay
kea reigne zaka rey. [12]Laha zao le maro tamiereo ro nino, tagnate zay ty ampela Grika manan-kasy ilane vaho
lahilahy maro.[13]Fa reo Jisoy Tesalonika laha fa naharey fa Paoly le nagnambara ty safan'Agnahare tao Beria avao
kea, le nandeha tegne iereo naho nanabataba vaho nagnoronta reo vahoake. [14]Naho bakeo, reo rahalahy nandefa
Paoly hoandriake agne, fa Silasy vaho Timoty nijano teo. [15]Reo ze nitarike Paoly nanday aze zisikagne amity tana
Atena. Laha mamototre Paoly teo iereo, le nandrae toro-lala bakamine hoahy Silasy vaho Timoty mba hombaeo
amine malaky arake ze azo atao.[16]Naho laha nimabe iereo tagne Atena ty Paoly, le ninjare meloke tagnarofone ao
ty fagnahy laha vaho nahisake ty tana feno sampe. [17]Ka nandineke tao amity Synagoga niarake tamireo Jiosy vaho
reo hafa ze nanompo an'Agnahare re, manahake zay kea ty tao amity toera ty raraham-barotre niarake tamireo
ze tao.[18]Fa ty ilane tamireo Filozofa Epikoreana vaho Stoika avao kea nifanoje tamine. Ty ilane nanao ty hoe:" Ino
ro tea io berehake eo ho tsarae?" Ty hafa nanao ty hoe:" Hoe i ty raike zay mikaike ty ndaty hagnorike reo
zagnahare hafahafa re," satria nitalily Jesosy vaho ty fitsangana amity mate re.[19]Nangalake Paoly iereo naho
nanday aze tao amity Aeropago, nanao ty hoe:" Afake mamantatre zay fagnanara vaovao ze nirehafenao zay vao
zahay? [20]Fa manday zaka hafahafa tsy reignity sofinay zahay. Laha zao, te hahay ty dika ze zaka zay zahay."
[21](Naho ty Atenina iaby vaho ty vahiny nitoboke le nandany ty fotoane tamity tsy nisy fa kea tamity fitsara ndra
fidranjigna miomba ty zaka-vaovao.)[22]Ka nitsanga teo agnivo ty Areopago ty Paoly naho nanao ty hoe:" Nareo
lahilahy Ateniana, hitako fa vatane relijiozy amity fomba iaby nareo. [23]Fa laha nandrio raho naho nandineke ty
dine ty fanompoam-pivavahanareo, le nahita alitara raho misy ty soratre toy hoe:" Ho an'Agnahare Tsy Hay." Ino
laha zay ro ivavahanareo ao amity tsy fahaia, zay ro safako aminareo.[24]Ty Zagnahare ze nanao zao iaby zao vaho
ty zaka iaby amine eo, satria Tompo ty lagnitse vaho ty tane Re, tsy mitoboke ao agnate tempoly voaore tamity
tagna. [25]Ndra ie tsy nitompoe tamity tagna gnodaty, hoe ty nitalily raraha re, satria re vatane ro magnomea havelo
ty ndaty vaho ty fofognay naho ty zaka hafa iaby.[26]Bakamity ndaty raike ro nagnanovane ty firene iaby hoahy ty
ndaty mba hivelo eo ambone tane, nanao ty andro iereo vaho nanendre ty toeram-pitoboha naho ty andro iaigna
reo, [27]ka mba tokone hipay an'Agnahare iereo, laha ohatre ka mete hahatratre vaho hahita aze iereo. Kanefa
mboe tsy lavitre antika kirai-kiraike iaby Re.[28]Satria tika le mivelo vaho mihetseke naho mana ty maha-tika
antika, manahake ty nirehafe ty raike amity mpanao tononkalonareo arere ty hoe:" Fa fokone avao kea tika."
[29]Laha zao, satria anan'Agnahare tika, tika le tsy tokone hidineke fa ty hasoa ty fombane le mitovy amity
volamena, na volafoty, na sare-vonga ze finoro bakamity asa tagna vaho dinegnondaty.[30]Laha zao le
nihalignon'Agnahare ty andro ty tsy fahaia, fa henanezao mandily ty ndaty iaby egne iaby egne mba hibebake re.
[31]Zay ro ie satria nametrake andro re ty hoe ombia ro hitsara zao iaby zao amity hamarea amity alala ndaty ze
finiline. Nagnomea porofo lahilahy io tamity ndaty kirai-kiraike tamity alala ty famohaza aze tamity mate ty
Zagnahare.[32]Naho laha fa naharey ty fitsangana amity mate ty ndaty Atena, le nagnafake Paoly ty ilane; fa ty ilane
nanao ty hoe:" Hidranjy anao ndraike momba ze zaka zay zahay." [33]Tafara zay, nagnenga iereo ty Paoly. [34]Fa ty
ilane tamity ndaty nagnorike aze naho nino, tagnate zay ty Dionysio Aeropagita, ampela atao ty hoe Damary,
naho ty ilane niarake tamiereo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 18

[1]Naho tafara reo zaka reo ty Paoly le niala tao Atena naho nimbaeo Korinto. [2]Nifagnahisake tamina Jiosy atao ty
hoe Akoila ta re, te bakao Ponto, te vaho avy bakagne Italia niarake tamy Prisila valine, satria ty Klaodio nandily
ty Jiosy iaby hiala tao Roma. Paoly nimbaeo amiereo, [3]naho satria varotre mitovy avao ro hiasane, le niara-
nitoboke tamiereo re naho niasa, fa ty manao tragno ro asa iereo.[4]Ka nialy hevetre tao amity synagoga isake ty
Sabata ty Paoly. Nandrese lahatre reo Jiosy vaho Grika re. [5]Fa laha fa nandeha bakagne makedonia ty Silasy vaho
Timoty, le sinere ty Fagnahy hitalily amireo Jiosy fa Jesosy ro kirisity i Paoly. [6]Laha fa nandietre vaho nagnaraty
aze reo Jiosy, le nagnofahofa ty lambane tagne amiereo ty Paoly ka nanao ty hoe:" Ho eo amity lohanareo anie ty
lionareo; tsy manan-tsiny raho. Fa manomboke zao le hoagne amity Jentilisa raho."[7]Le niala teo re bakeo naho
nadeha mbaeo antragno Titosy Josto, lahilahy iaze manompo An'Agnahare. Ty tragnone le marine ty synagoga.
[8]Krispo, mpitarike ty Synagoga, nino ty Tompo, niarake tamireo iaby ze nitoboke tao amity tragnone; naho maro
tamireo korintiana ze naharey miomba zay ro nino vaho natao batisa.[9]Ty Tompo nanao ty hoe tamy Paoly tamity
fahisaha ty hale hoe:" Ko matahotre, naho ko mitsy fa mirehafa. [10]Fa zaho miomba anao, naho tsy hisy ndaty
hahazo hanao raty anao, fa mana ndaty maro amity tana toy Raho." [11]Nitoboke tao herentao vaho enem-bola ty
Paoly naho nagnanatre ty safan'Agnahare tamiereo eo.12 Fa laha fa ninjare governora Akaia ty Galio, le niarake
nitsanga reo Jiosy handietre Paoly ka nanday aze teo agnoloa ty toeram-pitsara; [13]nanao ty hoe iereo:" I lahilahy
io le mandrese lahatre ty vahoake mba hanompo an'Agnahare izay mifagnotake amity lily."[14]Naho laha handeha
hirehake Paoly, le nirehake tamity Jiosy ty Galio hoe:" Nareo Jiosy, laha ohatre ka rehake zaka raty ndra heloke
zay, le mboe azo dinehe ty fifandamina aminareo." [15]Fa hatra izay nisia reo fagnotanea miomba reo rehake vaho
agnara naho lilinareo arere re, alamino nareo zay. Zaho tsy magniry ty ho mpitsara ze raraha zay."[16]Galio
nagnafake iereo hiala teo amity sezam-pitsara. [17]Ka nitsepake i Sostena iereo iaby, ty mpandily ty synagoga, naho
namofoke aze tagnoloa ty toeram-pitsara eo. Fa Galio tsy nirahara ze natao iereo.[18]Paoly, laha fa nitoboke tao
zisike ty andro maro kea, le namototre reo rahalahy ka nitikitre sambo hoagne Syria niarake tamy Prisila vaho
Akolia. Taloha ty nandenane teo amity garan-tsambo le hinitsine tao Kenkrea ty volony te amity vava ze nataone.
[19]Laha fa niavy tagne Efesosy iereo, le navoto Paoly teo Prisila vaho Akoila, fa re vatane nilitre tao amity synagoga
ka nialy hevetre tamireo Jiosy.[20]Laha fa nangatake Paoly mba hijano elaela iereo, le nanda re. [21]Fa niala aze iereo,
nanao ty hoe:" Mboe himpoly atoy raho laha sitrampon'Agnahare zay." Le nitikitre sambo niala tao Efesosy re
bakeo.[22]Laha fa naharey tao Kaisaria ty Paoly, le niakatre re ka nanalama ty fiangona ty Jerosalema naho
nandeha mbaeo Antioky bakeo. [23]Laha fa baka nitoboke lera maro tao re, le nandeha ty Paoly ka nirehake reo
faritre Galatia vaho Frygia naho nagnamafe ty mpianatre iaby.[24]Naho nisy Jiosy raike atao ty hoe Apolosy, terake
tagne Aleksandria, niavy tao Efesosy. Re le nahay nitsara vaho nahay soa ty Soratre Masy. [25]Apolosy le nanare
atmity fagnanara Tompo. Marisike amity fagnahy, re nitsara vaho nampianatre mare reo zaka mikasike Jesosy,
kanefa ty batisa Jaona avao ro haine. [26]Apolosy nanomboke nirehake am-pahasahia tao amity synagoga. Fa laha
fa naharey aze ty Prisila vaho Akoila, le nangalake aze ho eo amity sisine naho nagnazava tamine mare kea ty
lalan'Agnahare.[27]Laha fa nagniry mba hamakivaky i Akaia re, le nagnamafe aze reo rahalahy naho nanoratre ho
ahy reo mpianatre tao Akaia mba handrae aze. Laha fa avy re, le nagnampe maro reo ze nino tamity hasoava.
[28]Apolosy nandietre mafe reo Jiosy tamity aly hevetre amaso-amaso, nanoro tamity alala ty Soratre Masy fa Jesosy
ro Kirisity.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 19

[1]Naho laha mboe tagne Korinty ty Apolosy, le nandrio tamity firene ambone Paoly naho niavy tao amity tana
Efesosy, naho nahita mpianatre ilane tao. [2]Hoe Paoly tamiereo ty hoe:" Nahazo ty Fagnahy Masy vao nareo laha fa
nino?" Hoe iereo tamine hoe:" Aha, mboe tsy naharey miomba ty Fagnahy Masy zao zahay."[3]Paoly nanao ty hoe:"
Tao amity ino naho zay ro nanoa batisa anareo?" Namale iereo hoe:" Tao amity batisa Jaona." [4]Ka namale Paoly ty
hoe:" Jaona manao batisa amity batisa fibebaha. Nirehake tamity vahoake re fa tokone hino ty raike ze hoavy
afara iereo, zay le, ao amy Jesosy."[5]Laha fa naharey zay ty ndaty, le natao batisa tamity agnara Tompo Jesosy
iereo. [6]Bakeo laha fa nanao ty tagnane tamiereo ty Paoly, le nipoke tamiereo ty Fagnahy Masy naho nirehake
tamity firehake hafa vaho namisavisa iereo. [7]Teo amity roe ambifolo teo ho eo iereo.[8]Nilitre tao amity synagoga
Paoly naho nirehake am-pahasahia zisike ty telo vola, naharese lahatre vaho nampagneke iereo ty miomba ty
fanjakan'Agnahare. [9]Te laha fa mafe arofo vaho tsy nagnenke reo Jiosy ilane, le nanomboke nirehake raty ty lily
teo agnoloa ty vahoake iereo. Ka nidisoa Paoly iereo naho nientene reo mpianatre, naharese lahatre iereo
isan'andro tao amity efetragno fampianara Tiraniana. [10]Nitohy zisike ty roe tao zay, le iaby ze nitoboke tao Asia le
naharey ty safa Tompo, naho reo Jisoy vaho reo Grika.[11]Zagnahare nanao asa mahagaga tamity alala ty tagna
Paoly, [12]ka ndra le reo mosoara vaho fognon'akanjo ze nikasike aze aza le natao tamity marare ka afake ty arete
iereo naho niakatre bakao amiereo reo fagnahy raty.[13]Fa nisy Jiosy mpagnafake fagnahy raty nandeha tegne
antoera. Nikaike ty agnara Tompo Jesosy iereo mba hanagna iereo here handiere ty fagnahy raty laha fa nirehake
iereo ty hoe:" Amity alala jesosy ze natalily Paoly, mandily anao raho mba hiakatre." Ty mpisorombey Jiosy
manday ty agnarane hoe Skeva naho nanagnanake fito lahy ro nanao zay.[15]Nisy fagnahy raty namale iereo hoe:"
Haiko Jesosy, naho haiko Paoly; fa ia nareo?" [16]Ty fagnahy raty tao amity lahilahy le nahazo tamireo mpagnafake
devoly naho niala tao amity tragno tsy nisiky vaho nafere. [17]Lasa hay ty maro zay, vaho reo Jiosy vaho reo
Jentilisa, ze nitoboke tagne Efesosy. Lasa natahotre mafe iereo, ka ty agnara Tompo Jesosy le nambone.[18]Naho kea,
maro tamireo mpino ro namonje vaho nibebake naho nagnenke reo zaka nisy ze vita iereo. [19]Maro reo nihisa
aoly ro niara-nanday ty boke iereo vaho nagnoro zay teo amaso ty kirai-kiraike. Laha fa nagnisake ty vily reigne
iereo, le farantsa volafoty dime ale zay. [20]Ka nizara mafe tamity fomba mafe ty safa Tompo.[21]Naho laha fa
nahavita ty asa fanompoane tagne Efesiosy ty Paoly, le nanam-pakevetre tamity fagnahy re mba hombaeo
Makedonia vaho Akaia tegne andala mbaeo Jerosalema, hoe re:Laha fa avy agne raho, le tsy maintsy mbaeo
Roma avao kea." [22]Paoly nandefa roe tamireo mpagnampe aze hoagne Makedonia, Timoty vaho Erasto, ty
nagnampe aze. Fa re vatane nijano andro kele tagne Asia.[23]Tamize andro zay tagne Efesosy le nisy
fagnelengelegnam-bey mikasike ty lily. [24]Fa nisy mpanefe volafoty raike atao ty hoe Dometrio, ty nanao ty sare
sokitre volafoty Diana, nagniitre vola bey hoahy reo mpanao asa-tagna. [25]Ka navorine raike reo lahilahy manao ty
asa naho nanao ty hoe:" Tompoko, hainao fa amity raraha toy le mahazo vola bey zahay.[26]Hitanao vaho reinao
zay, tsy tagne Efesosy avao, fa ho nagnera i Asia iaby, i Paoly io le nandrese lahatre vaho nahatao ndaty maro.
Mirehake re fa tsy misy zagnahare vita tamity tagna. Fa ty loza le tsy hoe ty varontika avao ro tsy ho paie sase, fa
ty tempolin'Agnaharem-bave bey Diana avao kea le azo dinehe ho tsy misy antone. Le mete ho vere hasy re
bakeo, ze iaze tompoe Asia iaby vaho zao iaby zao."[28]Laha fa naharey zay iereo, le lako heloke iereo ka nikorake
mafe, nanao ty hoe:" Bey Diana i Efesosy." [29]Lako koronta tao amity tana iaby, naho niraike hombaeo amity tragno
fanoa fihisa ty vahoake. Voatsepa iereo reo mpiharo-lia tamy Paoly, Gaio vaho Aristarko, te bakagne makedonia.
[30]Te hilitre tao amireo vahoake lako ty Paoly, fa sinaka reo mpianatre re. [31]Naho kea, ty ilane tamireo manam-
pahefa tao amity faritre Asia ze namane le nandefa talily nangatake aze mafe tsy hilitre ao amity tragno fanoa
fihisa. [32]Ndaty ilane ro nikorake zaka raike, naho ty ilane hafa, satria tagnate koronta ty vahoake. Ty hamaroa
iereo aza tsy mahay te akore te ie nagnino iereo ro niraike-fiavy.[33]Ty ilane tamireo vahoake ro nampahay i
Aleksandra, ty natose iereo vahoake hoegne aloha, ka nanao fihetreke tamity tagnane ty Aleksandra, te
hagnomea fagnazava hoahy reo ze nivory. [34]Te laha fa nahay iereo fa raike iereo iaby teo ho eo amity roe lera,
nanao ty hoe:" foloay ty Artemisy Efesiana."[35]Laha fa nampitsy ty vahoake ty bey ty tana, le nirehake re ty hoe:"
Riha ndaty Efesiosy, ndaty ia ro teo ka tsy nahay fa ty tana Efesiana le mpiambe ty tempoly Diana foloay vaho ty
sare ze nipoke bakagne andagnitse? [36]Naho hita bakeo fa tsy azo liere reo zaka reo, le tokone hitsy nareo ka tsy
hanao ndra ino ino tsy am-piheregna. [37]Fa nientenareo etoy amity fitsara reo lahilahy reo teie vaho tsy mpanimba
tempoly ro tsy mpireha-draty ty zagnaharem-baventika.[38]Laha zao, laha mana fitana mandietre ty kirai-kiraike ty
Demetrio vaho reo mpanao asa tagna ze miarake amine, le mivoha reo fitsara naho misy solontegna ao. Engao
iereo hifampita. [39]Te laha mipay zaka miomba ty hasahira hafa nareo, le tokone hatsanga amity fivoria ara-dily
zay. [40]Fa tika le irien-doza ho voata mikasike io andro koronta ao. Tsy msiy antone ze koronta zay, naho tsy ho
afake hagnazava zay tika." [41]Laha fa nirehake zay re, le rinavane ty fivoria.

## Chapter 20

[1]Laha fa vita ty tabataba, namory reo mpianatre ty Paoly naho nagnamafe iereo bakeo, nanao veloma re naho
lasa mba handeha hoagne Makedonia. [2]Laha fa nandeha tegne amireo faritre reo re vaho nanao resake
fagnamafea maro iereo, le niavy tagne Gresia re. [3]Laha fa baka nijano telo vola tao re, nisy tete-draty finoro reo
Jiosy handiera aze laha re handeha sambo hoagne Syria ay, ka nanam-pakevetre ty himpoly hoagne Makedonia
re.[4]Nagnorike aze zisikagne Asia lavitre agne ty Sopatera anadahy Pyro bakagne Beria; Aristarko vaho Sekondo,
sambe bakamireo mpino Tesalonika; Gay bakagne Derbe; Tymoty, naho Tykiko vaho Trofimo bakagne Asia. Fa
reo lahilahy reo le fa nialoha anay naho niambe anay tagne Troasy. [6]Nitikitre sambo niala tao Filipy zahay tafara
ty andro fihinana mofo tsy masira, naho tagnate ty dime andro le niavy tagne amiereo tagne Troasy zahay. Naho
nitoboke tao zahay zisike ty fito andro.[7]Tamity andro voaloha ty heregnandro, laha fa nivory niarake mba
handily ty mofo zahay, le nirehake tamireo mpino zahay ty Paoly. Re le nihevetre ty handeha te hamaray igne, ka
tsy nanohy nirehake hatramity sasa-kale re. [8]Nisy jiro maro tao amity efetre ambone te nahavianay niarake.[9]Teo
amity varavara-kele ro nitoboke ty ajalahy atao ty hoe Eotika, te tafilatsake tamity roro vatane. Laha nirehake ela
kea ty Paoly, i jalahy io, le mboe niroro, nipoke bakegne amity lohatragno fahatelo naho naho le narene re le hita
fa mate. [10]Fa Paoly nizotro, namototre ty vatane tamine eo, naho namihy aze. Bakeo re nanao ty hoe:" Ko
malahelo sase, fa velo re."[11]Le niakatre ndraike re bakeo naho nandily ty mofo vaho nihina. Laha fa baka
nirehake ela tamiereo zisikamity maray re, le nandeha. [12]Nanday ty ajalahy te fa velo nimpoly iereo naho vatane
fale vatane.[13]Tika avao ro nandeha aloha Paoly tamity sambo naho nandeha sambo hoagne Aso, fa agne ro
dinehenay handrambesa Paoly. Zay ro fagniriane ty vatane hatao, satria nagniry handeha ambone-tane re. [14]Laha
fa nifanoje taminay tagne Aso re, le nientenay tamity sambo re ka nimbaeo Mitylena.[15]Bakeo nandeha sambo
bakeo zahay naho niavy tao amity tandrife rano Kio ty maray. Ty andro magnarake le nahazo ty rano Samo
zahay, naho ty maray le niavy tao amity tana Mileto. [16]Paoly nanam-pakevetre ty handeha sambo handrio i
Efesosy, mba tsy handany andro ela agne Asia re; satria re le malisa ty hoagne Jerosalema ty andro ty Pentekosta,
laha azone atao ty manao zay.[17]Bakagne Mileto ro nandefasane lahilahy hoagne Efesosy naho nikaike ty olobey ty
fiangona hombaeo amine. Laha fa niavy tao amine iereo, le nirehake tamiereo re ty hoe:" Nareo vatanareo
mahay, zisikamity andro voalohane nandiako i Asia, hoe ity akore ro nandaniako ty fotoako niarake taminareo.
[19]Zaho le nanompo zisikagne ty Tompo tamity hamarea iaby vaho ranomaso, naho tamity jale ro nahazo ahy zay
naho ty asa-raty reo Jiosy. [20]Nareo le nahay fa tsy nita filamina tamity fagnambara taminareo reo iaby ze pinay
raho, vaho ty fomba nagnanarako anareo teo amaso ty ndaty naho tamity isan-tragno, [21]nitsanganako
vavolombelo teo amireo Jiosy vaho reo Jentilisa miomba ty fibebaha amin'Agnahare vaho ty finoa ao amy Jesosy
Tompontika.[22]Ingo henanezao, hoagne Jerosalema raho, sinere ty Fagnahy Masy ka tsy mahay ty hahazo ahy
agne, [23]laha tsy ze hampiembene ty Fagnahy Masy ahy isake ty tanam-bey amireo famehea vaho fijalea, mandy
ahy. [24]Fa zaho le tsy midineke ty fiaignako hoe lafo-vily amity vatako, laha tsy hoe hahavita ty lailaiko vaho ty asa
fanompoako ze rinaeko bakamy Jesosy Tompo raho, hitalily ty zaka soa ty hasoan'Agnahare.[25]Naho ingo amizao,
haiko fa nareo iaby, ze nambarako ty fanjaka, ro tsy hahita ty tareheko sase. [26]Laha zao ambarako aminareo
amity andro toy, fa zaho le tsy manan-tsiny amity lio ty ndaty. [27]Fa tsy nahajako taminareo ty talily ty
sitrapon'Agnahare iaby.[28]Laha zao ambeno ty miomba ty vatanareo, vaho ty miomba reo agnondry iaby ze
nampiambene ty Fagnahy Masy anareo. Miambena amity mpiarake agnondry ty fiangonan'Agnahare, zay
viniline tamity lione arere.(Fagnamarea: laha ohatre ka" Tamity lio arere" ty amity taratasy taloha le manao ty
hoe:" Tamity lio ty anadahine avao.") [29]Haizo fa afara ty fandehanako, le hoavy eo aminareo reo amboan'ala
masiake naho tsy handefetre amity agnondry. [30]Haiko fa ndra le bakaminareo aza le hisy ndaty hoavy naho
hagnova ty mare mba hitarike reo mpianatre hagnorike iereo.[31]Ka miambena. Tiarovo fa zisike ty telo tao raho ro
tsy nijano nagnanatre ty kirai-kiraike bakaminareo andro aman'ale tamity ranomaso. [32]Henanezao ankineko
amin'Agnahare vaho amity safa ty hasoavane nareo, zay afake mananga vaho magnomea anareo ty lova eo
amireo iaby ze nihamasine.[33]Tsy nagniry volafoty, volamena, ndra lamba ty ndaty raho. [34]Nareo vatanareo ro
mahay fa toa tana toa ro nanolotre ze pinaiko naho reo pinay reo ze niraike tamiko. [35]Tamity zaka iaby ro
nagnomeako ohatre anareo ty fomba tokone hagnampeanareo reo maletre amity alala ty asa, naho ty fomba
hitadidianareo reo tsara Tompo Jesosy, tsara ze nataliline vatane ty hoe:" Mahasambatre kea ty magnomea naho
ty tolora."[36]Laha fa baka nirehake hoe zay re, le nandohaleke naho nivavake niarake tamiereo iaby. [37]Nisy
fitagniam-bey teo naho nita Paoly vaho nagnoroke aze iereo. [38]Nalahelo ty maro tamiereo naho ty safane, hoe:
iereo le tsy hahita ty vatane sase. Bakeo nanese aze tegne amity sambo iereo.

## Chapter 21

[1]Laha fa niala teo amiereo zahay le nandeha sambo, naho nimbaeo amity tana Kosy, nimbaeo amity tana Rody ty
andro magnarake, naho bakao le nimbaeo amity tana Patara. [2]Laha fa nahita sambo nitsake nimbaeo Foinika
zahay, le nilitre tao zahay ka nandeha sambo.[3]Laha fa baka nahita Kyprosy, le namototre zay tegne andafe ty
sambo, nandeha sambo hoagne Syria zahay naho nahazo Tyro, toera nagnakare reo nandeha sambo ty enta
tagnate sambo. [4]Laha vaho nahita reo mpianatre zahay, le nijano tagne zisike ty fito andro. Tamity alala ty
Fagnahy le naharese lahatre Paoly zisikagne iereo mba tsy handeha hoagne Jerosalema.[5]Laha fa tampetre ty
andronay tegne, le niala tao zahay ka nandeha tamity lalanay, naho iereo iaby, niarake tamireo valy aminanake,
nagnorike niakatre tao amity tana. Naho nandohalike tegne amoron-driake le nivavake [6]naho nifanao veloma. Le
nilitre tao an-tsambo zahay, naho iereo nihere tagne an-tragnone.[7]Laha fa vitanay ty lia tagne Tyro, le niavy tagne
Ptolemaisy zahay. Tagne le nifanoje tamireo rahalahy naho nijano andro raike niarake tamiereo. [8]Te hamaray le
niala tao zahay naho nandeha tagne Sezarea. Nilitre ty tragno Filipo tika, evanjelisita, ty raike tamity fito, naho
nijano niarake tamine zahay. [9]Amizao i lahilahy io le nanagnanake ampela verijiny efatre zay namisavisa.[10]Laha
fa nijano tao zisike ty andro maromaro zahay, le nisy mpamisavisa raike nizotro bakagne Jodia atao ty hoe
Agabo. [11]Namonje anay naho nangalake santira Paoly re. Tamio ro nameheane ty tombone vaho ty tagnane naho
nanao ty hoe:" Hoe ty Fagnahy Masy,' le ho hoe zao ro hamehea reo Jisoy agne Jerosalema ty lahilahy ty tompo ty
santira toy, naho hanolotre aze eo antagna reo Jentilisa."'[12]Laha fa naharey ze zaka zay zahay, le zahay vaho reo
ndaty mitoboke tao amio toera ao le nangatake tamy Paoly tsy hiakatre hoagne Jerosalema. [13]Naho namale ty
Paoly nanao hoe:" Ino ro ataonareo, mitagny vaho mamere ty arofoko? Zaho te fa vogno, tsy hoe hofehe avao , fa
ho mate agne Jerosalema avao kea amity agnara Tompo Jesosy." [14]Satria tsy nagniry ty horesen-dahatre ty Paoly,
le nijano nagnandra zahay naho nanao ty hoe:" Ao ho lefe ty sitram-po Tompo."[15]Tafara reo andro reo, le nanday
ty kitaponay zahay ka niakatre nimbaeo Jerosalema. [16]La nisy reo mpianatre ilane avao kea bakagne Sezarea
nagnorike anay. Nanday lahilahy raike niarake tamiereo te atao ty hoe Menasona, lahilahy bakagne Sipra,
mpianatre mainte molaly, teie tokone hiarahanay mitoboke.[17]Laha fa niavy tagne Jerosalema zahay, le nandrae
anay ampifalea reo rahalahy. [18]Ty hamaray le nagnorike anay ty Paoly hoagne amy Jakoba, naho teo iaby reo
olobey iaby. [19]Laha fa baka nanalama aze iereo, le nitalily kirai-kiraike reo zaka iaby ze le fa nataon'Agnahare
tamireo Jentilisa tamity alala ty asa fanompoane.[20]Laha fa naharey zay iereo, le niantsa an'Agnahare, naho
nirehake tamine ty hoe:" Hitanareo, ry rahalahy, agnarivone fire ro nino tamireo Jiosy. Tampakevetre ie iaby
hiambe ty lily. [21]Te fa nirehafe iereo ty miomba anao, fa riha le mpampianatre reo Jiosy iaby ze mitoboke eo
amireo Jentilisa hahafoe i Mosesy, naho riha mirehake iereo tsy hanavatre ty anane, naho tsy hagnorike ty fomba
taloha.[22]Ino ro tokone hataontika? Ho rey iereo vatane fa avy riha. [23]Ka anovo ze atalilinay anao. Mana lahilahy
efatre nanao vava zahay. [24]Ento reo lahilahy reo naho liovo miarake amiereo ty vatanareo, naho aloavo reo ty
lany iereo, mba hagnaratre ty lohane iereo. Ka ho hay ty ndaty iaby fa reo zaka ze nirehafe miomba anareo le
diso. Ho hay iereo fa riha le magnorike lily avao kea.[25]Fa mikasike reo Jentilisa ze nino, zahay le nanoratre vaho
nagnomea torolalа fa tokone hiambe ty vatane amity zaka vita soro hoahy ty sampe iereo, bakamity lio, bakamity
kinenda. [26]Bakeo le nalae Paoly reo lahilahy, naho ty hamaray, re nagnalio ty vatane niarake tamiereo, nilitre tan-
tempoly ao, nagnambara ty fotoa ty andro ty fandiova, mandram-panesea ty fagnatetre hoahy ty ndaty kirai-
kiraike tamiereo.[27]Laha fa ho tampetre reo andro fito, reo Jiosy ilane bakagne Asia, nahita Paoly tao an-tempoly,
nagnoronta reo vahoakeiaby, naho nitsepake aze. [28]Nitabataba iereo ty hoe:" Ry ndaty Israely, ampeo zahay". Io ty
lahilahy iaze nampianatre ty ndaty iaby hatra aia aia reo zaka ze mandietre ty ndaty, ty lily, naho ty toera toy.
Fagnampe zay, nanday Grika tao an-tempoly avao kea re naho nandoto ty toera masy toy. [29]"Fa iereo taloha nahita
i Trofima ty Efezianina niarake tamine tantana ao, naho nidineke iereo ga Paoly ro nanday aze tao an-tempoly.
[30]Nikoronta ty tana iaby, naho niarake nilay vaho nitsepake i Paoly ty ndaty. Naninto aze hiakatre ao amity
tempoly iereo, le nahily teo naho eo ty varavara. [31]Laha tampamonoa aze iereo, le nisy vaovao niavy tagne amity
kapitene ty mpiambe fa mikoronta iaby Jerosalema iaby.[32]Zisikagne le nangalake miaramila Kapitene re naho
nilay nandeha mbaeo amireo vahoake. Laha fa nahita ty kapitene vaho reo miaramila ty vahoake, le nijano
namofoke i Paoly iereo. [33]Le namonje ty kapitene naho nitsepake Paoly, naho finehene tamity sene vy roe re. Le
nagnontane re hoe ia re naho ino ro nataone.[34]Ty ilane tamireo vahoake nitabataba zaka raike naho reo hafa
zaka hafa. Satria tsy afake nirehake ndra ino ino ty kapitene naho ty tabataba iaby, le nientene hoagne amity
rova ty Paoly. [35]Laha fa niavy teo amity tahotre re, le niente reo miaramila re naho ty seresere ty vahoake. [36]Fa
nagnorike tafara ty vahoake bey naho nanohy nikorake ty hoe:" Vono re"[37]Laha igne ho ente an-drova igne ty
Paoly, le hoe re tamity kapitene:" Afake mirehake zaka aminao vao raho?" Hoe ty kapitene hoe:" Mirehake Grika
vao riha? [38]Tsy riha vao ty aze Egyptiana, ty nitarike vande taloha naho nitarike reo efatre arivo lahy agne

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

mpamono ndaty' niakatre bakagne antane efetre?"[39]Paoly le nirehake ty hoe:" Zaho le Jiosy, bakagne amity tana Tarsosy agne Kiliaka. Zaho le ndatim-pirene ty tana manan-danja. Mangatake aminao raho, engao raho hirehake amity ndaty". [40]Laha fa namototre aze hirehake ty kapitene, le nitsanga teo amity tohatre ty Paoly naho nanao fihetreke tamity tagnane tamity vahoake. Laha fa nisy filamina soa vatane, le nirehake tamiereo tamity rehake Hebreo re. Hoe re:


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 22

[1]"Ry rahalahy vaho ry Rae, dranjigno ty fiarovako ze hataoko aminareo amizao." [2]Laha fa naharey Paoly nirehake tamity rehake Hebreo reo vahoake, le ninjare nitsy iereo. Hoe re ty hoe:[3]"Jiosy raho, terake tagne Tarsosy agne Kilikia, fa tineza teto amity tana toy teo amity tombo Gamaliela. Nampianare arake ty fomba mafe ty lily reo razantika raho. Vatane mafana arofo hoan'Agnahare raho, manahake anareo iaby amize andro zao. [4]Naneseke lalao hoamity fate raho, namehe vaho nanolotre iereo hatao antragno-maieke ndra lahy ndra vave, [5]naho ty mpisorom-bey vaho reo olobey iaby afake mitsanga vavolombelo. Nahazo taratasy bakagne amiereo raho hoahy reo rahalahy agne Damaskosy, naho nandeha nimbaeo nanday iereo nimpoly mboe mifehe hombaeo Jerosalema mba hanazea iereo.[6]Zao ro niseho laha fa nandeha naho niharine agne Damaskosy raho, naho tamity misy vovogna eo le nisy hazavam-bey bakagne an-dagnitse nanomboke namiratre nagnodidy ahy. [7]Lavo tamity tane raho naho naharey feo nanao tamiko ty hoe:' Saoly, Saoly, nagnino riha ro maneseke Ahy?' [8]Namale raho hoe:' Ia moa riha, Tompoko?' Nirehake tamiko Re hoe:' Zaho ro Jesosy Nazareta, ty sesehenao.'[9]Reo ze niarake tamiko le nahita ty hazava, fa iereo le tsy nahay ty feo ty nirehake tamiko. [10]Hoe raho ty hoe:' Ino ro tokone hataoko, Tompoko?' Ty Tompo nanao tamiko ty hoe:' Mitsangana naho milira agne Damaskosy; agne ro hagnambara anao ty zaka-iaby ze tokone hataonao.' [11]Tsy nahita naho ty hasoa ze hazava zay raho, naho nitana reo ze niarake tamiko, ka le niavy tagne Damaskosy raho.[12]Nifanoje tamity lahilahy raike atao ty hoe Ananiasy tagne raho, lahilahy matahotre an'Agnahare nagnorike ty lily naho soa laza teo amireo Jiosy iaby ze nitoboke tao. [13]Namonje ahy re, nitsanga tamiko eo, naho nanao ty hoe:' Ry rahalahy Saoly, mihihira.' Tamize lera zay vatane le nahita aze raho.[14]Naho nirehake re ty hoe:' Ty Zagnahare reo razantika le nifily anao mba hahay ty sitrampone, mba hahita ty raike Mare, naho haharey ty feo akare ty vavane. [15]Fa ho vavolombelo ho aze amity ndaty iaby miomba ze hitanao vaho reinao riha.
[17]Laha fa baka nihere tagne Jerosalema raho, naho laha mboe nivavake tao an-tempoly, le nahazo dineke raho. [18]Nahita Aze nirehake tamiko ty hoe:' Malaky miala agne Jerosalema tsiela, satria iereo tsy hagnenke ty fisianao vavolombelo miomba Ahy.'[19]Hoe raho:' Tompo, iereo vatane le mahay fa zaho nampigadra vaho namofoke reo ze nino Anao tao amity synagoga iaby. [20]Laha fa napoke ty lio Stefana vavolombelo, zaho kea le mba nitsanga teo vaho niharine, naho niambe ty siky reo ze namono aze raho.' [21]Fa nirehake tamiko Re ty hoe:' Mandehana, satria halefako lavitre reo Jentilisa riha.'"[22]Nidranjy aze iereo zisike ty nirehafane zay. Le nikorake mafe iereo naho nanao ty hoe:" Vono hiala eto amity tane ty lahilahy hoe io, satria tsy soa ty ho velo re." [23]Laha nitabataba iereo, nanorake ty akanjone, naho nanorake deboke tamity tioke, [24]ty bey ty kapitene le nandily Paoly ba ho ente agne amity lampa. Re nandily fa tokone hagnontanea miarake amity fofoke re, ka mba re vatane le hahay hoe akore iereo ro nikorake nandietre aze hoe zay.[25]Laha fa namehe aze tamity kofehe holitre iereo, le hoe ty Paoly tamity kapitene ze nitsanga teo:" Ara-dala hoanareo vao ty magnaravasy lahilhay Romana vaho tsy mboe nitsarae kea? [26]Laha fa naharey zay ty kapitene, le nimbaeo amity bey ty kapitene re ka nitalily aze, nanao ty hoe:" Ino ze ataonao zao? Fa Ndaty Romana lahilahy io."[27]Namonje ty bey ty kapitene naho nirehake tamine hoe:" Rehafo amiko, vahoake Romana vao riha?" Paoly namale hoe:" Eka." [28]Naho namale ty bey ty kapitene hoe:" Tamity vola bey avao ro nahazoako zom-pirene eo. Fa Paoly nanao ty hoe:" Naterake ho Ndaty Romana raho." [29]Naho nienga aze teo naho eo ty lahilahy ze nagnontane aze. Natahotre avao kea ty bey ty kapitene, laha fa haine fa ndaty Romana ty Paoly, satria re namehe aze.[30]Ty hamaray, te hahay ty mare miomba reo seresere reo Jiosy nandietre Paoly ty bey ty kapitne. Ka vinahane reo fehea naho nandily reo mpisorom-bey vaho reo ao iaby mba hivory re. Naho nanday Paoly nizotro re naho nanao aze teo agnivo iereo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 23

[1]I Petera le nagnente namanta amireo mpikamba tao amity fipaia-hevetre naho nanao ty hoe:" Ry rahalahy, zaho
le fa nivelo teo agnoloan'Agnahare tamity eretreretre soa iaby zisike androany." [2]Ty mpisorom-bey Ananiasy le
nandily reo ze nitsanga tagnilane eo mba hamofoha ty vavane. [3]Bakeo Paoly nirehake aze hoe:" Zagnahare le
namofoke anao, riha ry rindry voalalotre foty. Riha vao le mitoboke hitsara ahy amity lily, nefa mandily ahy mba
ho fofohe, tsy arake ty lily?[4]Reo ze nitsanga teo le nanao ty hoe:" Zao vao ro fomba handratianareo ty mpisorom-
bey Nagnahare?" [5]Paoly nanao ty hoe:" Tsy nahay raho, ry rahalahy, hoe re ty bey ty mpisorombey. Te le fa
voasoratre hoe: tsy tokone hirehake raty ty mpanday ty vahoakenao riha."[6]Laha fa hita Paoly fa ty ilane tamity
fipaian-kevetre le Sadoseo naho ty hafa Fariseo, le nirehake mafe tao amity fipaian-kevetre re hoe:" Ry rahalahy,
Zaho le Fariseo, anadahy reo Fariseo. Zay ro ie satria raho magnantegna soa ty fitsangana ty mate ty hitsara ahy."
[7]Laha fa nirehake zay re, le nanomboke nisy fandiera tamy reo Fariseo vaho reo Sadoseso, naho ty vahoake le
nizara. [8]Fa reo Sadoseo le nirehake fa tsy misy ty fitsangana amity mate, tsy misy reo anjele, naho tsy misy reo
fagnahy, nefa reo Fariseo le nagnenke ie iaby reo.Laha zao le nisy tabataba mafe niseho, naho ty ilane tamireo
mpanora-dily reo Fariseo le nitsanga naho niay hevetre, nirehake hoe:" Zahay le tsy mahita zaka diso amio
lahilahy io. Akore laha ty fagnahy ndra ty anjele ro nirehake tamine?" [10]Laha nisy fifandiera mafe teo, ty kapitene
mpitarike le natahotre tsy ne hifanariha iereo ty Paoly, laha zao re le nandily reo miaramila mba hizotro vaho
hangalake aze ankere agne amireo mpikamba ao amity fipaian-kevetre, naho handay aze agne an-dapa.[11]Ty hale
magnorike ty Tompo le nitsanga tagnilane eo naho nanao ty hoe:"Ko matahotre, fa hoe ty nitsangana nao
vavolombelo miomba ahy tagne Jerosalema, ro tsy maintsy hitsangana nao vavolombelo agne Roma avao
kea."[12]Laha fa maray ty andro, te nisy Jiosy ilane le namoro hevtre naho nagnozo ty vata iereo miarake amity
havelo mba tsy hihina na hino ndra ino ino mandram-pamonoa iereo Paoly. [13]Mihoatre ty efapolo ndaty iereo ty
namoro hevetre eo.[14]Iereo le nandeha tagne amireo mpisorombey vaho reo olobey ka nanao ty hoe:" Zahay le fa
nanao fagnomeam-bey tamity vatanay, mba tsy hihina ndra ino ino mandram-pamonoa nay Paoly. [15]Henanezao,
laha zao, engao ty fipaian-kevetre hirehake amity kapitene mpitarike mba handay aze hizotro aminareo eto,
naho nareo hoe ty hoe hanam-pakevetre amity zaka-misy miomba aze mare kea. Fa ho anay, zahay le vogno ty
hamono aze aloha ty hiaviane eto."[16]Nefa ty anadahy ty anabave Paoly le naharey fa teo ampandignasa ty
hamonoa aze iereo, laha zao re le nandeha naho nilitre ty lampa ka nirehake tamy Paoly. [17]Paoly le nikaike ty
raike tamireo kapitene ka nanao ty hoe:" Ento agne amity kapitene mpitarike ty ajalahy toy, fa mana zaka
horehafe amine re."[18]Laha zao ty kapitene le nandrae ty ajalahy naho nanday aze tagne amity kapitene mpitarike
ka nanao ty hoe:" Paoly ty gadra ro nikaike ahy hoagne amine, naho nangatake ahy mba handay ty ajalahy toy ho
aminao eto. Mana zaka ho rehafe aminao re." [19]Ty kapitene mpitarike le nangalake aze tamity tagna hoagne
amity toera mitoka naho nagnontane aze ty hoe:" Ino zane ty tokone ho rehafenao amiko zane?"[20]Ty ajalahy
nanao ty hoe:" Reo Jiosy le fa nagnenke ty hangatake aminao mba handay Paoly hombaeo amity fipaian-kevetre
hamaray, hoe ty hoe iereo le handeha hagnontane ty miomba aze mare kea. [21]Nefa ko magnenke iereo, satria nisy
ndaty mihoatre ty efapolo te le fa vogno ty hamono aze. Nikaike ozo hoahy ty vatane iereo, mba tsy hihina ndra
hino mandram-pamonoa iereo aze. Fa ndra le zao aza le fa vogno iereo, mandigne fagnenkea bakaminao."[22]Ka
nenga ty kapitene mpifehe handeha ty ajalahy, tafara ty nanoroane aze ty hoe:" Ko mirehake ndra aminia ia ty
hoe nirehake reo zaka reo tamiko riha." [23]Bakeo re le nikaike ho amine eo ty roe tamireo kapitene ka nanao ty
hoe:" Alao ty miaramila roanjato ze vogno ty handeha agne Kaisaria, vaho mpitiki-tsoavale fitompolo avao kea,
naho mpanday lefo roanjato. Handeha riha amity lera fahatelo ty hale." [24]Re avao kea le nandily iereo mba
hagnomea biby ze afake hitikira Paoly, naho mba handay aze soa aman-tsara agne amy Feliksa ty governora.
[25]Bakeo le nanoratre taratasy hoe zao re: [26]"Klaodio Lisia hoahy Feliksa governora soa vatane, arahaba. [27]I lahilahy
io le tsinepa reo Jiosy naho fa ho vinono iereo, laha fa niavy tamiereo eo niarake tamity miaramila raho le
nagnavotre aze, satria nahay raho fa re le ndatim-perene Romana.[28]Zaho le te hahay ty antone nitana iereo aze,
laha zao le nienteko nizotro tao amity fipaian-kevetre iereo re. [29]Nahay raho fa voata tamity aly hevetre mikasike
ty lily iereo arere re, nefa tsy nisy fitana nandietre aze te soa amity mate ndra hagadra. [30]Bakeo le nampahaie ahy
fa nisy hevetre handiera ty ampela, laha zao le nandefa aze teo naho eo tagne aminao raho, naho nagnafatre reo
mpita aze avao kea mba handay ty helo iereo aze eo agnoloanareo. Veloma."[31]Ka laha zao reo miaramila le
nagneke reo baiko iereo. Nalae iereo ty Paoly naho nientene tamity hale tagne Antipatria. [32]Ty hamaray, ty
hamaroa reo miaramila le nienga reo mpitiki-tsoavale mba handeha hiarake amie fa iereo le nihere tagne an-
dapa. [33]Laha fa niavy tagne Kaisaria reo mpitiki-tsoavale ka nanolotre ty taratasy hoahy governora, le nanolotre
Paoly tamine avao kea.[34]Laha fa namaky ty taratasy ty governora, le nagnontane ty faritane ze nahavia Paoly re.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Laha fa haine fa bakagne Kilikia re, [35]le nanao ty hoe:" Zaho le haharey vatane anao laha fa avy eto reo mpita anao." Le nampitanene tao amireo bey ty fanjaka Heroda re.

## Chapter 24

[1]Tafara ty dime andro, Ananiasy ty mpisorom-bey, reo olobey ilane, naho mpikabary atao ty hoe Tertylo le
nandeha tagne. Reo lahilahy reo le nanday fitana Paoly tagnoloa governora eo. [2]Laha fa nitsanga tagnoloa
governora eo ty Paoly, le namototre nita aze ty Tertylo ka nirehake tamity governora hoe:" Naho riha le mana
fiadagnam-bey zahay, naho ty fahitahanao le manday fagnova soa amity firenenay eo; [3]Ka hafalea vatane ro
handraesa nay ty zaka iaby ze anovenao, ry Feliksa soa vatane.[4]Mba tsy hitanako anareo ela loatre, le mangatake
andro kele aminareo raho mba hidranjy ahy ampilamina. [5]Fa i lahilahy io le hitanay fa mpagnoronta naho raike
iaze nitarike ty Jiosy iaby magnera zao iaby zao hiraike. Re ro mpitarike ty sekta Nazareana. [6]Naho re avao kea ro
niezake ty handoto ty tempoly, ka le tsinepanay re. (Fagnamarea: Reo taratasy taloha le nagnampe ty hoe:"
Teanay ho tsarae arake ty lilinay re.")[7](Fagnamare: Reo taratasy taloha le ahitava ao amity andinine hafa 7 ty
hoe:" Fa Lysia, mpikarakara, niavy naho nangalake aze an-kere teo antagnanay.") [8]Laha fa magnontane Paoly
mikasike rey zaka iaby rey raho, le ho hainao ty mikasike rey fitana nataonay miomba aze rey." (Fagnamare: Reo
taratasy taloha le nagnampe ao amity tampane voalohane amity andinine faha 8 ty hoe:" Nandefa anay taminao
eo.") [9]Reo Jiosy avao kea le nagnampe sotrake rey fitana rey, naho nagnamafe fa mare iaby rey.[10]Fa laha fa
tinondro ty mpanjaka hirehake ty Paoly, le namale Paoly ty hoe:" Haiko fa riha le fa mpitsara teto amity firene toy
zisike ty tao maro, ka le fale ty vatako magnazava aminao. [11]Ho hainao fa tsy mboe nihoatre ty roe ambifolo
andro zay ro niakarako niantsa tagne Jerosalema. [12]Laha fa hita iereo tao an-tempoly raho, le tsy nialy hevetre
ndra taminia ia raho, naho tsy nandrisike ty vahoake, ndra tao amireo synagoga, ndra tao antana. [13]Tsy afake
magnamare aminao reo fitana ze anoene amiko amizao iereo.[14]Feie raho magnenke zao aminao, arake ty
Fagnanara ze atao iereo ty hoe sekta, le hoe zay kea ro hanompoako ty Zagnahare ty razambeintika. Zaho le
matoky amiaby ze ao amity lily vaho reo voasoratre reo mpamisavisa. [15]Mana ty fahatokisa an'Agnahare hoe reo
ndaty reo raho, fa hisy ty fitsangana ty mare vaho ty raty fagnahy amity mate. [16]Laha zao raho le miezake
zisikagne mba hana fisaigna malio eo agnoloan'Agnahare vaho ty Ndaty.[17]Naho tafara ty tao maro le niavy raho
handay fagnampea hoahy ty fireneko vaho fagnomea ara-bola. [18]Laha fa vitako zay, nisy Jiosy tsiampe bakagne
Asia nahita ahy tagne amity fete ty fagnaliova tao amity tempoly, tsy niarake tamity vahoake ndra tabataba. [19]Reo
ndaty reo le tokone ho eo agnoloa nareo amizao ka hirehake ze hitana iereo ahy, laha mana raraha iereo.[20]Ndra
kea, reo ndaty reo avao ro tsy tokone hirehake ze hita iereo tsy mete amiko atoy laha fa nitsanga tagnoloa ty
fipaian-kevetre ty Jiosy raho, [21]laha tsy hoe miomba ty zaka raike ze nikorahako laha fa nitsanga tagnivo iereo eo
raho:' Zay le mikasike ty fitsangana ty mate te hitsara ahy agnoloanareo eto androany.'[22]Naho Feliksa, te
nampahaie soa miomba ty Fagnanara. Re le nirehake hoe:" Laha fa mandeha bakagne Jerosalema ty Lysia
mpandily, le hanam-pakevetre ty amity rarahanao raho." [23]Bakeo re nandily ty kapitene fa Paoly le tokone
hoembena, fa mba hisy fahafaha le tsy hisy amireo namane ho sakane amity fagnampea ze zaka paiene.[24]Andro
kele tafara zay, le nihere niarake tamy Drosila valine ty Feliksa, te ampela Jiosy, ka nalefa hoahy Paoly re naho
naharey tamine miomba ty finoa ao amy Kirisity Jesosy. [25]Fa laha fa nialy hevetre niarake tamine Paoly miomba
ty hamarea, fagnonognam-bata, vaho ty fitsara hoavy, le lasa natahotre ty Feliksa ka nanao ty hoe:" Mandehana
manomboke zao. Fa laha fa mana fahafaha raho afara ao, le handefa ho anao."[26]Hatramize andro zay avao, le
nagnategna re fa hagnomea vola aze ty Paoly, laha zao le nandefa hoaze mateteke re naho nirehake tamine. [27]Fa
laha fa afake roe tao, le lasa governora nisolo Feliksa ty Porsio, feie Feliksa te hahazo saotre tamireo Jiosy, le
nengane hambena avao ty Paoly.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 25

[1]Henanezao, Festony nilitre tao amity faritane, naho telo7 andro tafara atoy, le niakatre bakao Kaisaria re hoagne
Jerosalema. [2]Ty loha ty mpisoro vaho reo Jiosy manan-kaja le nanday heloke hitana Paoly, ka nandrisike aze
[3]vaho nangatake tamine iereo mba hanao loza i Paoly_ka mete hikaike Paoly hoagne Jerosalema Festosy mba
hahafaha iereo mamono aze egne an-dala.[4]Kanefa Festosy namale fa gadra ao Kaisaria ty Paoly, naho re ty vatane
le hihere agne tsy ho ela. [5]"Laha zao, reo ze afake," hoe re:" le tokone handeha hiarake aminay hoagne. Laha
nanao zaka tsy mete ty lahilahy, le tokone hita aze nareo."[6]Festosy le tsy nijano nihoatre ty valo ndra folo andro
bakeo nandeha mbaeo Kaisaria, naho ty andro magnarake le nitoboke tao amity toera ty fitsara re naho nandily
Paoly mba hoente amine agne. [7]Laha fa niavy re, le nitoboke teo marine teo reo Jiosy bakagne Jerosalema, naho
nanday fitanam-bey maro iereo te tsy afake nihamaregne iereo. [8]Niaro ty vatane ty Paoly naho nanao ty hoe:" Tsy
nanao raty mandietre ty lily ty Jiosy raho ndra mandietre ty tempoly ndra mandietre i Kaisara."[9]Feie nipay ze
ahazoa ty fisaorav reo Jiosy i Festosy, naho laha zao le namale Paoly re naho nanao ty hoe:" Te-handeha hoagne
Jerosalema vao riha naho ho tsaraeko miomba rey zaka tagne rey? [10]Hoe ty Paoly ty hoe:" Mitsanga aloha ty seza
fitsara Kaisara eto raho te tsy mahaintsy hitsara ahy. Tsy nanao raty ty Jiosy raho, arake ty le fa hainao soa.
[11]Kanefa laha nanao raty raho naho laha nanao ze tsy soa ty fate, le tsy milietre ty ho mate. Fa laha tsy misy ty
fitana iereo, le tsy misy ndaty afake manday ahy hoagne amiereo. Mangatake Kaisara raho." [12]Laha fa baka
nirehake tamity fipaian-kevetre Festosy, le namale re ty hoe:" Ndra nangatake Kaisara riha. Agne amy Kaisara ro
handehananao.[13]Naho tafara ty andro kele, le niavy tagne amy Kaisaria ty Agripa mpanjaka vaho Berenika mba
hamangy i Festosy. [14]Tafara ty naha tao aze zisike ty andro maro, le natolo Festosy teo amity mpanjaka ty raraha
Paoly; ty hoe re:" Nisy lahilahy raike nenga Felix atoy hoe ty gadra. [15]Laha fa tagne Jerosalema raho, le nanday
fitana ty lahilahy toy tamiko atoy reo loha ty mpisoro vaho reo olobey Jiosy, naho nangatake tsara fimeloha hoaze
iereo. [16]Namale aze reo raho fa tsy foma reo Romana ty manolotre ndaty aloha ty hiatrehane reo mpita aze vaho
hanagnane fahafaha hiaro-tegna amireo fitana.[17]Laha zao, laha fa niraike fiavy teto iereo, le tsy nandy raho, fa ty
andro magnarake le nitoboke teo amity seza ty fitsara raho naho ty hanjiliha ty lahilahy. [18]Laha fa nitsanga reo
mpinta ka nimeloke aze, le nataoko fa tsy nisy mafe ty fitana niente iereo hoaze. [19]Fa kea, nifamale iereo mikasike
ty fivavaha iereo arere vaho miomba ze Jesosy zay mate zay, ty natalily Paoly fa velo. [20]Tsy azoko antoke ty fomba
hagnotenea ty raraha toy, naho laha zao le nagnotaneako re laha vogno ty hoagne Jerosalema mba ho tsarae agne
miomba reo fitana reo.[21]Te laha fa nangatake ty hijanogna ao am-pigadra mba handy ty heve ty Amperora ty
Paoly, le nandily aze raho mba ho tane ao am-pigadra re mandram-pandefasako aze agne amy Kaisara." [22]Agripa
nirehake tamy Festosy hoe:" Te-haharey ty lahilahy toy avao kea raho.""Hamaray," hoe Festosy:" Haharey aze
riha."[23]Ka ty andro magnarake, le niavy niarake tamity fete marobey Agripa vaho Berenika; nimbaeo amity
efetragno bey niarake tamireo miaramila mpifehe vaho reo lahilahy manan-kaja teo amity tana iereo. Laha fa
nirehake ty lily Festosy, le niente iereo ty Paoly. [24]Hoe Festosy hoe:" Agripa mpanjaka, vaho nareo lahilahy iaby ze
miraike aminay eto, hitanareo ty lahilahy toy; reo vahoake Jiosy iaby nifagnarake tamiko tagne Jerosalema vaho
eto avao kea, le nitaray tamiko iereo fa tsy tokone ho velo sase re.[25]Haiko fa tsy nanao ndra ino ino hosoa amity
fate re; fa satria nangatake ty Amperora re, le nanam-pakevetre raho ty handefa aze. [26]Feie tsy misy zaka manan-
danja ho sorateko agne amity Amperora. Laha ze antone zay, le nienteko teo aminareo re, mandako aminao,
Agripa Mpanjaka, mba hahafahako mana zaka ho sorate kea miomba ty raraha. [27]Satria hoe tsy mete amiko ty
mandefa gadra vaho tsy mitalily ty hitana aze kea.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 26

[1]Laha zao Agripa nirehake tamy Paoly ty hoe:" Afake mirehake hoahy vatanao riha." Le namototre ty tagnane
Paoly naho nanao ty fiarom-batane. [2]"Manoro ty vatako hoe ty fale raho, ry Agripa mpanjaka, mba handay ty
zaka mahazo ahy agnoloa nao eto androany mandietre reo fitana reo Jiosy iaby; [3]feie, satria riha le fa mahay
amity fomba fanao vaho fagnontanea Jiosy iaby. Laha zao le mangatake anao raho hidranjy ahy ampiareta.[4]Mare
fa, reo Jiosy iaby le mahay ty fomba fiaignako hatramity hakeleako tagne amity fireneko arere vaho tao
Jerosalema. [5]Iereo le nahay ahy zisikagne amboalohane naho tokone hagnenke iereo fa Fariseo fiaigna raho, ty
sarotene vatane amity antoko fivavahantika.[6]Naho mitsanga eto raho mba ho tsarae satria mipay ty
fampagnategna ze nataon'Agnahare tamireo razantika raho. [7]Fa toy ro fampagnategna nantegnae ty fokontika
roambifolo ho raese laha nanompo an'Agnahare andro aman'ale vatane iereo. Hoahy ze fagnategna zay, ry Agripa
mpanjaka, ro hitana reo Jiosy ahy. [8]Nagnino nareo ro midineke fa tsy azo inoa fa mananga ty mate ty Zagnahare?
[9]Nisy fotoa raho nidineke tamity vatako fa tokone hanao zaka maro mandietre ty agnara Jesosy bakagne Nazareta
raho. [10]Nanao zay tagne Jerosalema raho. Nagnily maro tamireo mpino tagne ampigadra tamity fahefa niraeseko
bakamireo loha ty mpisoro raho, naho laha fa vinono iereo, le nampipoke ty vatoko handietre iereo raho.
[11]Sinazeko imaro iereo tagne amireo synagoga iaby naho niezake ty hanere iereo mba hirehake raty raho.
Vignitse mafe tamiereo raho naho nagnia iereo ndra le tagne amireo tana agne ambalike aza.[12]Laha mboe nanao
zay raho, le nandeha tagne Damaskosy niarake tamity fahefa vaho reo lily bakamireo loha ty mpisoro; [13]naho
tegne an-dala nimbaeo, tamity misy-vovogna, ry Mpanjaka, le nahita hazava bakegne an-dagnitse raho te
mamiratre naho ty masoandro naho zay le namiratre nagnodidy ahy vaho reo lahilahy ze niharo-lia tamiko.
[14]Laha fa nitonta tamity tane zahay iaby, le naharey feo nirehake tamiko raho te nirehake tamity rehake Hebreo
ty hoe:' Saoly, Saoly, nagnino riha ro maneseke ahy? Sarotre ho anao ty hidaka fagnindroene.'[15]Bakeo nirehake
raho hoe:' Ia riha, Tompo vao?' Ty tompo namale ty hoe:' Zaho ro Jesosy i sesehenao oy. [16]Henanezao miaregna
naho mitsangana amity tombonao; satria naho ze antone zao ro nisehoako taminao, mba hanendre anao ho
mpanompo vaho ho vavolombelo mikasike reo zaka ze hainao miomba ahy amizao naho reo zaka ze hatoroko
anao afarafara ao; [17]naho hagnavotre anao ao amity vahoake vaho reo Jentilisa ty hagnirahako anao raho, [18]mba
hamoha ty maso iereo naho hanolike iereo hiala amity faieke hombaeo amity hazava naho amity here ty Satana
hombaeo amin'Agnahare, mba hahafaha iereo mandrae bakamin'Agnahare ty famotoran-keloke ty hadisoa vaho
ty lova ze ameako iereo zay nihamasigne tamity finoa Ahy.'[19]Laha zao, ry Agripa mpanjaka, nagnenke ty fahitaha
bakagne an-dagnitse raho; [20]fa, ty ahy reo ze tagne Damaskosy aloha, naho bakeo tagne Jerosalema, naho nagnera
ty tane Jodia iaby, naho kea tamireo Jentilisa, nagnomea iereo ty talily raho fa tokone hibebake vaho hitolike
amin'Agnahare iereo, hanao ty asa soa ty fibebaha. [21]Laha ze antone zay ro nitsepaha reo Jiosy ahy tan-tempoly ao
vaho nikaroke hamono ahy.[22]Nagnampe ahy zisikezao ty Zagnahare, laha zao le mitsanga raho naho mijoro
vavolombelo amity ndaty-tsotra vaho amireo manan-kaja tsy hirehake ndra ino ino mihoatre ze nirehafe reo
mpamisavisa vaho Mosesy fa hiseho; [23]fa tsy mahaintsy hijale Kirisity, naho Re ro ho voalohane hitsanga amireo
mate mba hitsanga vaho hitalily hazava hoahy reo vahoake Jiosy vaho reo Jentilisa."[24]Laha vita Paoly ty fiarovam-
batane, le nirehake tamity feo mafe Festosy hoe:" Paoly, vere say riha; ty fianaranao bey loatre ro nahavy anao ho
vere say." [25]Fa hoe ty Paoly hoe:" Tsy vere say raho, ry Festosy soa vatane; fa amity fahasahia raho mitalily tsara ty
hamarea vaho matoe. [26]Fa ty mpanjaka mahay miomba ze zaka zay; naho laha zao, mirehake ampalalafa amine
raho, fa rese lahatre fa tsy nisy tamizay nahaja tamine; satria tsy natao tagne amity arere zay.[27]Mino ty
mpamisavisa vao riha, ry Agripa mpanjaka? Haiko fa mino riha." [28]Agripa nirehake tamy Paoly hoe:" Ao agnate ty
andro kele vao ro handreseanao lahatre ahy vaho hanovanao ahy ho kirisitiana?" [29]Hoe Paoly ty hoe:" Mivavake
amin'Agnahare raho, mba ndra ho ao agnate ty andro kele ndra andro maro, tsy riha avao, fa reo iaby ze
maharey ahy androany avao kea, le hanahake ahy, fa tsy miarake amirey sene rey."[30]Bakeo nitsanga ty mpanjaka,
vaho ty governora, vaho Berenika avao kea, naho reo ze nitoboke niarake tamiereo; [31]laha fa nienga ty tragno
fivoria iereo, le nifampirehake naho nanao ty hoe:" Ty lahilahy toy tsy manao zaka mete amity fate ndra
famehea." [32]Hoe ty Agripa tamy Festosy hoe:" Ty lahilahy toy le afake nalefa laha tsy kinaike tagne amy Kaisara
re."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 27

[1]Laha fa tampake fa tokone handeha sambo hoagne Italia zahay, le natobo iereo ty Paoly vaho reo gadra hafa ho
eo ambane ty fehe ty kapitene raike atao ty hoe Jolio ty agne rezimanta ty Amperora. [2]Nilitre tagnate sambo raike
bakagne Adramytena zahay, te hitikitre magnorike ty sisin-tane Asia. Ka le nandeha an-driake zahay. Aristarko
bakagne Tesalonika agne Makedonia le nandeha niarake taminay.[3]Ty andro magnarake le niavy tao amity tana
Sidona zahay, ty nandesa Jilio Paoly tamity hasoam-pagnahy naho namototre aze handeha hoagne amireo
namane handrae ty karakara iereo. [4]Niavy agne zahay ro nandeha an-driake naho sambo nagnorike ty moro
Kyprosy, niharine ty rano, satria nandietre anay ty tioke. 5Bakeo nandeha sambo namakivaky ty riake zahay
naho niharine ty sisin-tane Kilikia naho Pamfilia, niavy tao Myra zahay, tana Lykia. [6]Tagne , ty kapitene le nahita
sambo raike bakagne Aleksandria te handeha hoagne Italia. Nataone tamizay ao zahay.[7]Laha fa nandeha sambo
nilamy zisike ty andro maro zahay naho ty farane le niavy ampasahiragna teo agnila Kinidio, le tsy namototre
anay handeha tamize lala zay sase ty tioke, ka le nandeha sambo nagnorike ty agnila ty takon-tioke ty Kreta
zahay, mifanandrife amy Salmona. [8]Nagnorike moroney tamim-pasahiragna zahay, mandram-piavinay tagne
amity toera raike atao ty hoe Tsara-fitodian-tsambo, zay marineke ty tana i Lasea.[9]Naho nandany fotoa maro
zahay, le fa dika avao kea ty fotoa fifalian-kane reo Jiosy, naho laha fa ninjare nampidi-doza ty mandeha sambo.
Ka le nampiambe iereo ty Paoly, [10]naho nanao ty hoe:" RY lahilahy, hitako fa toy le ze hanoentika toy le hisy
haferea vaho fateantoke maro, tsy hoahy ty enta vaho ty sambo avao, fa hoahy ty fiaintika kea." [11]Fa ty kapitene
nagnomea lanja kea ty mpanday vaho ty tompo ty sambo naho reo zaka ze voatalily Paoly.[12]Satria ao amity
seragna le tsy mora laha hijanogna zisike ty asotry, le maro tamireo mpandeha sambo ro nanoro hevetre ty
hiondra hiala eto, fa tsy hay ndra hoafake hahazo ty tana Foiniksa amity fomba iaby zahay, mba hitoboke agne
zisike ty asotry, Foiniksa le seragna agne Kreta, naho magnatreke ty magnavaratre-ahandrefa vaho ty miagna-
timo ahandrefa zay. [13]Laha fa nanomboke nitioke maleme ty tioke bakagne antimo, le nihevetre reo antsambo ao
fa nana ze nirehafe iereo. Ka le nagnankatre ty vatofantsike naho niondra nagnorike i Kreta iereo, niharine ty
moron-driake.[14]Fa afake andro kele le nisy tafion-tioke mafe, atao ty hoe Eoraklydona, nanomboke namofoke
mafe bakagne amity ranobey. [15]Laha fa tratre ty tafion-tioke ty sambo naho tsy afake nandietre ty tioke sase, le tsy
mahaintsy nagnomea lala ty tafiotre zahay naho niente ty tioke tegne iaby egne. [16]Tamity sambo nagnorike ty
moro ty Rano kele raike atao ty hoe Kaoda zahay, naho tamim-pasahiragna ro niafahanay niaro ty laka
famonjeam-piay.[17]Laha fa nampiakare iereo ty laka famonjeam-piay, le nampiasae iereo ty nitaly zay mba
hamehea ty vata ty sambo. Natahotre iereo fa tokone handeha ambone ty fase mandrevo Syrtiso, ka le napo iereo
ty vato vy ty riake naho nandeha hoaze tegne. [18]Azo ty fofoke mafe ty tafiotre zahay ka naho ty andro magnarake
eo le nanomboke nagnary reo enta tagne ambaly ty sambo iereo.[19]Tamity andro fahatelo reo tamity sambo le
nanorake ty enta ty sambo tagne ambaly ty sambo tamity tagna iereo avao. [20]Laha fa tsy namiratre taminay zisike
ty andro maro ty masoandro vaho ty kinta, naho mboe namototre anay ty tafiotre bey, le rebake iaby kea ty
fagnategna ty hahavonje anay.[21]Laha fa lasa lavitre tsy nisy sakafo iereo, le nitsanga teo amireo antsambo eo
Paoly bakeo nanao ty hoe:" Ry lahilahy, tokone hidranjy ahy nareo, naho tsy nitikitre bakagne Kreta, ho azo ty
haferea vaho fateantoke zao. [22]Henanezao le mandrisike anareo raho mba hahere, fa tsy hisy fate aminareo eo, fa
harebaha ty sambo avao kea.[23]Fa tamity hale le nisy anjelen'Agnahare ty Tompoko, teie tompoeko avao
kea_nitsanga tagnilako eo ty anjelene [24]naho nanao ty hoe:' Ko matahotre, ry Paoly. Tsy mahaintsy hitsanga
agnoloa Kaisara eo riha, naho ingo, Zagnahare ao amity hasoam-pagnahine ro nagnomea anao reo iaby mandeha
sambo miarake aminao.' [25]Laha zao miono, ry lahilahy!Fa matoky an'Agnahare raho fa hiseho arake ze voatalily
tamiko zay. [26]Feie tsy mahaintsy hidofotre amity rano maro tika."[27]Laha fa niavy ty hale faha-efatre ambifolo, laha
nitompatompa te tia vaho te roa tao amity riake Adrea zahay, tokone ho tamity vakimira hale le nidineke reo
antsambo ao fa niharine tagne iereo. [28]Le nangalake metan-drano iereo naho nahita fa efapolo metatre ty
halalene; tafara kele zay, le mboe nangalake metan-drano avao iereo naho nahita fa telopolo metatre ty halalene.
[29]Natahotre iereo tsy ne hidofotre amity vato zahay, ka le nampipoke vato vy efatre bakao afara iereo naho
nivavake mba hiavia ty maray malaky.[30]Reo amity sambo le nipay fomba hienga ty sambo naho nampipoke ty
laka famonjeam-piay tagne an-driake, naho noly nampipoke ty vato vy bakeo andohan-tsambo iereo. [31]Fa paoly
nirehake tamity kapitene vaho reo miaramila hoe:" Laha tsy mijano agnate sambo reo lahilahy reo, tsy ho vonje
nareo." [32]Bakeo reo miaramila nanampake ty taly ty laka ka le nagnenga zay ho tampake ao.[33]Laha fa nanomboke
nihanaza ty andro, le nandrisike aze iaby Paoly mba hangalake sakafo maro. Hoe re ty hoe:" Ty andro toy ro
andro faha-efatre amby folo ty handignasa nareo naho tsy hihinananareo; tsy nihina ndra ino ino nareo. [34]Laha
zao le nandrisike anareo raho mba hizara sakafo, fa paie zay mba hahavelo anareo. Fa tsy hisy ndra raike
aminareo ty ho robake ndra le ty volon-dohane aza." [35]Laha fa baka nirehake zay re, le nangalake mofo naho


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nisaotre an'Agnahare tamaso gny iaby aby. Bakeo re nizara ty mofo naho nanomboke nihina.[36]Bakeo le nahere ie iaby naho nangalake sakafo avao kea. [37]Ndaty 276 zahay ro tao agnate sambo. [38]Laha fa nihina soa iereo, le nihamaivagne iereo ty sambo tamity nagnaria iereo vare tagnate riake.[39]Laha fa niavy ty andro, le tsy hay iereo ty tane, fa nahita helon-drano raike nisy tora-pasike iereo, naho nifandineke iereo laha afake handay ty sambo egne. [40]Ka le tinampa iereo ty vato vy naho nenga iereo tagne an-driake. Niarake tamizay le napo iereo ty taly tamity fagnotaha eo naho nantsangane ty tragno ho eo amity tioke; naho le nandeha mbaeo amity tora-paseke iereo. [41]Fa niavy teo amity toera raike ty nisy riake nifanampake iereo, ka nidofotre tamity tane ty sambo. Naho ty lohan-tsambo le nipiteke teo naho nijano tsy afake-nihetseke, fa ty volin-tsambo kea nivaky naho ty hamafe ty onjan-drano.[42]Ty dine reo miaramila le ty hamono reo gadra mba tsy hisy amiereo ho afake handeha hilagno ka hilay. [43]Fa ty kapitene te-hamonje Paoly, ka le najanone ty heve iereo; naho nameane baiko reo mahay milagno mba hipoke ambaly ty sambo aloha naho ho egne antane. [44]Bakeo tokone hagnorike ty sisa reo lahilahy, ty ilane ambone hetae pisake, naho ty ilane ambone zaka hafa bakao amity sambo. Hoe zay ro niseho ka iaby taminay le niavy soa aman-tsara tegne antane.

Chapter 28

[1]Laha fa niavy soa zahay, le hainay fa ty tane le atao ty hoe Malta.
[3]Fa laha fa namory hetae vaho nanao zay tamity afo Paoly, le nisy menara niakatre noho ty hafana, naho nifehe
tamity tagnane. [4]Laha fa nahita ty biby nihanto tamity tagnane eo reo teratane, le nifampirehake iereo ty hoe:"
Vatane mpamono ndaty ty nilay bakagne andriake i lahilahy io, laha ty rarene le tsy tokone ho velo re."[5]Fa bakeo
nangozohozo ty biby hoagnate afo re nefa ty nifere kea. [6]Niambe aze mba ho voa ty tazo ndra ho mate tampoke
iereo. Te laha fa baka nagnente aze ela iereo naho nahita fa tsy nisy zaka tsy mahazatre nanjo aze, le niova
hevetre iereo naho nirehake fa re le zagnahare.[7]Naho tamity toera marine eo nisy reo tane ze ahy ty lahilahy bay
ty Rano, lahilahy atao ty hoe Poplio. Nandrae anay re naho nagnomea sakafo anay tamity hasoam-pagnahy zisike
ty telo andro. [8]Ty rae Poplio le narare ty tazo vaho fivalagnan-dio. Laha fa nimbaeo amy Paoly, le nivavake re,
nanao ty tagnane tamine eo, naho nagnafake aze. [9]Tafara ty nisehoa zay, le namonje aze iaby ty ila ty vahoake
iaby ze narare tamity tana eo naho afake. [10]Ty vahoake avao kea le nagnomea hasy anay tamity hasy maro. Naho
laha fa nivogno handeha sambo zahay, le nagnomea anay ze pinay nay iereo.[11]Afake telo vola zahay le nandeha
niondra tamity sambo ze nijano tamity tana zisike ty asotry, sambo Aleksandria, misy"' sarehamban'Agnahare"
agnoloa ty sambo eo [12]Naho laha fa niavy tamity tana Sirakosa zahay, le nitoboke tao zisike ty telo andro.[13]Niala
bakeo zahay ro nandeha sambo ka niavy tagne amity tana Regioma. Naho laha fa afake andro raike le nisy tioke
nitioke bakagne antimo, ka roe andro zahay le avy ao amity tana Potioly. [14]Tao ro nahitanay reo rahalahy ilane
naho nita anay mba hijano hiarake amiereo zisike ty fito andro. Tamity alala zay ro nahavianay tagne Roma.
[15]Niavy egne reo rahalahy, tafara ty nahareiza iereo ty miomba anay, le niavy nanalaka anay zisikagne amity
bazar Apio vaho reo tragnom-bahiny telo. Laha fa nahita reo rahalahy Paoly, le nisaotre an'Anagnahare re naho
nahazo here.[16]Laha fa nilitre tao Roma zahay, le nahazo alala hiarake-hivelo amireo miaramila niambe aze ty
Paoly. [17]Naho laha fa afake hateloa tafara zay le nampikaike niarake reo lahilahy ze mpitarike tamireo Jiosy reo ty
Paoly. Laha fa niarake avy iereo, le nirehake tamiereo re ty hoe:" Ry rahalahy, ndra le tsy nanao zaka raty tamity
ndaty ndra ty fomba reo razantika aza raho, le natolotre ho gadra tagne Jerosalema tantagna Romana. [18]Laha fa
baka nagnotane ahy iereo, le nagniry ty hagnafake ahy, satria tsy nisy antone tokone hagnelofa ahy ho mate.[19]Te
laha fa nandietre ty fagniria iereo ty Jiosy, le voatere raho nampikaike Kaisara, ndra le tsy hoe nanday fitana
handietre ty fireneko aza. [20]Naho ty kaiko,le, nangatake ty hahita anareo vaho hirehake aminareo raho. Zay naho
ty fatokisa Israely miomba ty hamehea ahy amity sene toy."[21]Bakeo le nirehake tamine iereo hoe:" Tsy mboe
nahazo reo taratasy miomba anao bakagne Jodia zahay, ndra rahalahy niavy vaho nitalily ndra nirehake zaka
raty miomba anao. [22]Fa teanay ho rey aminao ty eretrerenao miomba ze sekta zay, satria hainay fa le fa raty laza
egne iaby egne zay.[23]Laha fa nifily andro hoaze iereo, le maro kea reo ndaty namonje aze tagne amity tragno
nivahiniane. Nampahay ty raraha tamiereo re, naho nitsanga vavolombelo miomba ty fanjakan'Agnahare.
Niezake nandrese lahatre iereo ty miomba Jesosy re, ndra tamity alala Mosesy zay ndra tamity alala ty
mpamisavisa, nanomboke maray ka zisikamity hariva. [24]Ty ilane l e rese lahatre tamireo zaka ze voatalily, laha
tsy nino kea reo hafa.[25]Laha fa tsy nifagnarake iereo, le lasa tafara ty nagnambara Paoly ty rehake raike toy ty
hoe:" Ty Fagnahy Masy le nirehake soa reo razanareo tamity alala Isaia mpamisavisa. [26]Hoe re ty hoe:'
Mandehana agne amireo vahoake reo naho rehafo ty hoe:" Amity fidranjigna ro hahareizanao, fa tsy
hahatakatre; naho amity fahitava ro hahitanareo, fa tsy hahita.[27]Fa nihadomo ty arofo reo ndaty reo, naho sarotre
amity sofiereo ty haharey, naho nampikipe ty maso iereo. Fa laha tsy zay le mete afake hahita amity masone
iereo, naho haharey amity sofine, vaho hahataketre amity arofone ka hiehere ndraike, le hagnafake iereo
raho."'[28]Laha zao, tokone ho hay nareo fa ty famonjean'Agnahare zay le nalefa tamireo Jentilisa, naho hidranjy
iereo." [29](Fagnamarea egne amity farane ambane ty peje: 28: 29-Ty taratasy ilane le mana ty andinene.29 hoe:"
Laha fa nirehake reo zaka reo re, le lasa ty Jiosy. Nisy fifandieram-bey teo amiereo."[30]Paoly le nivelo zisike ty roe
tao tao amity tragnone nihofane arere, naho nandrae aze iaby ze niavy tamine ao re. [31]Nagnambara ty
fanjakan'Agnahare re naho nampianatre reo zaka miomba Tompo Jesosy Kirisity tamity fahasahia iaby. Naho tsy
nisy nanaka re.

# Romans

Chapter 1

[1]Paoly, mpanompo Jesosy Kirisity, le voa kaike ho apositoly, naho voatoka ho mpitalily ty zaka soan'Agnahare. [2]Io
ty zaka soa ze lefa nampagnategnaene aloha tamity alala reo mpamisavisa tao amity Soratre Masy. [3]Zay le

miomba ty Anadahine, te terake bakamity foko Davida arake ty nofo.[4]Tamity fitsangana tamity mate, le voatalily
fa ty anake maheren'Agnahare tamity here ty Fagnahy ty hamasigna Re_le Jesosy Kirisity Tompontika. [5]Tamity
alalane ro nandraesantika hasoava fagnenkea ty finoa eo amity firene iaby, naho ty agnarane. [6]Amireo firene reo,
nareo avao kea le voa kaike ho ahy Jesosy kirisity.[7]Ty taratasy toy le hoahy reo iaby ao Roma, te
malalan'Agnahare, ty voa kaike ho ndaty masy. Ho aminareo anie ty hasoava, vaho fiadagna bakamin'Agnahare
Raentika vaho Jesosy kirisity Tompo.[8]Voalohane, isaorako ty Zagnahareko amity alala Jesosy kirisity naho ty
aminareo iaby, satria ty finoa nareo le fa natalily magnera zao iaby zao. [9]Fa Zagnahare ro vavolombeloko, te
tompoeko ao amity fagnahiko ao amity zaka soa ty Anane, fa tsy mitofa mirehake anareo Amine Raho.
[10]Mangatake avao Raho amity vavake ataoko te mba hahasoa ahy amity fomba iaby arake ty sitrampon'Agnahare
mba hoavy aminareo.[11]Fa zaho le magniry ty hahita anareo, mba hahafahako magnomea fagnomeam-pagnahy
ilane ho anareo, mba hahamafe anareo. [12]Zay, le magniry raho mba hifankamafeantika eto agnivontika, amity
alala ty kirai-kiraike iaby, ty agnaranao vaho ty ahy.[13]Henanezao tsy teako nareo tsy hahay, ry rahalahy, ty hoe
mateteke raho ro mana fikasa hamonje anareo, (nefa Raho le voasaka zisikezao), mba hahazoa vokatre aminareo
eo, heo ty le fa nahazoako ty sisa reo Jentilisa avao kea. [14]Zaho le mpitrosa amireo Grika vaho reo vahiny, amity
mare vaho gege. [15]Laha zao, amiko, le vogno avao kea raho hitalily ty zaka soa ho anareo te agne Roma.[16]Fa zaho
le tsy megnatre amity zaka soa, fa zay ro heren'Agnahare ho famonjea reo iaby ze mino, hoahy ty Jiosy aloha
naho hoahy ty Grika. [17]Fa amizay ro anoroa ty hamarean'Agnahare bakamity finoa ho amity finoa, arake ze
voasoratre ty hoe:"Ty mare le ho velo amity finoa."[18]Fa ty helon'Agnahare le natoro bakagne andagnitse
mandietre ty haratiam-pagnahy vaho ty tsy hamarea ty ndaty, te manaka ty hamarea. [19]Zay le satria ze hay hay
miomba an'Agnahare le hita iereo maso. Fa hinazan'Agnahare iereo.[20]Fa reo toerane te tsy hita maso, te here tsy
misy farane vaho maha-Zagnahare Aze, le hita nazava soa, nanomboke tamity famorogna zao iaby zao, tamireo
zaka ze finoro. Laha zao le tsy mana fialan-tsiny iereo. [21]Zay le satria, ndra le fa nahay ty miomba an'Agnahare
aza iereo, le tsy nagnomea hasy amity maha Zagnahare Aze, ndra kea nisaotre Aze. Fa kea, lasa gege tao antsaine
iereo, naho nihamaieke ty arofo donto iereo.[22]Iereo le nirehake iereo ho mare, kanefa le niha-lasa gege. [23]Ty
hasin'Agnahare tsy mete lo le natakalo iereo sare ndaty mate ho lo, voro, buby manan-tomboke efatre, vaho reo
zaka mikisake.[24]Laha zao le natolon'Agnahare ho amity paie ty arofo iereo ho amity falotoa iereo, mba ho afan-
kasy eo amiereo avao ty vata iereo. [25]Iereo ro nanakalo ty hamarean'Agnahare tamity vande, naho ze miantsa
vaho manompo ty zaka-namboare fa tsy ty Namboatre, te antsae zisikagne. Amena.[26]Laha zao, natolon'Agnahare
ho amity zaka-raty faly iereo, fa reo ampela iereo le nanakalo reo fifandraesa vonjagnahare tamireo ze tsy
voanjagnahare. [27]Hoe zay kea, reo lahilahy le namototre ty fifandraesa iereo voanjagnahare miarake amity
ampela ka narehe ty paia ara-nofo hoahy ie sambe ie. Reo le lahilahy ty nanao fihetseke mahamegnatre miarake
amity lahilahy naho nandrae tao amiereo ty saze ze mete amiereo naho ty haratia iereo.[28]Satria tsy nagnenke ty
hana an'Agnahare ao amity dinene iereo, le nameane say tsy sao iereo, mba hanova reo zaka ze tsy mete.[29]Iereo le
feno ty tsy hamarea, haratia, hatea-lava, naho lolompo iaby. Iereo feno fialogna, vonoa, fifandiera, fitake, naho
zaka raty. [30]Iereo le mpifosa, mpavande, naho mpalay an'Agnahare. Iereo le maherem-bata, miavo, naho
mirehareha. Iereo le mpamoro zaka-raty, naho iereo le tsy magnenke ty rae aman-drene. [31]Iereo le tsy mana
fahaia; iereo le tsy azo atokisa, tsy misy hatea voanjagnahare, naho tsy mandefetre.[32]Hay iereo ty lilin'Agnahare,
fa reo ze manao zaka hoe zay le mete amity ho mate. Fa tsy reo zaka reo avao ro ataone, fa magnenke reo hafa ze
manao rey kea.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

1Laha zao le tsy mana fialan-tsiny riha, ry ndaty, riha ty mitsara, fa ze itsaranao ty hafa ro imelofanao ty rehanao.
Fa riha ze mitsara le manao reo avao kea. 2Nefa haintika fa ty fitsaran'Agnahare le arake ty made laha fa mitonta
amireo ze manao zaka manahake reo zay.3Fa dineho zao, ry ndaty, riha ty mitsara reo ze manao zaka manahake
reo le manao hoe rey kea aza riha. Hilay ty fitsaran'Agnahare vao riha? 4Sa maivagnenao ty harea ty hasoam-
pagnahine, ty fandeferane, naho ty faharetane? Tsy hainao vao fa ty hasoam-pahine le natao hitarike anao amity
fibebaha?5Fa zay le ho amity habey ty hamafe vaho tsy fibebaha ty arofonareo ro amorianareo heloke hoahy ty
vatanareo amity andro ty heloke, zay le, ty andro ty fanoroa ty fitsara maren'Agnahare. 6Hamale ty ndaty iaby
amity fatra mitovy amireo nataone Re: 7hagnomea arake ty fahareta, ty asa soa mipay laza, hasy, ty tsy fifateza,
havelo zisikagne Re.8Fa hoahy reo ze mipay hoahy ty vatane, ze tsy magnenke ty mare fa magnenke ty tsy
hamarea, le ho avy ty heloke vaho ty falakia. 9Zagnahare le handay fijalea vaho fahantra amity fagnahy ty ndaty
iaby ze nanao raty, amity Jiosy aloha, naho amity Grika avao kea.10Fa ansta, laza, naho fiadagna ro hoavy amiereo
ze manao ty soa, amity Jiosy aloha, naho amity Grika avao kea. 11Fa tsy misy vande miarake amin'Agnahare. 12Fa
iaby ze nanonta tsy nana ty lily lo ho robake tsy mana lily avao kea, naho iaby ze nanonta niarake tamity fagnaja
ty lily le ho tsarae arake ty lily.13Fa tsy reo mpaharey ty lily ro mare eo agnoloan'Agnahare, fa reo ze manao ty
liline ro nihamaregne. 14Fa reo Jentilisa, ze tsy mana ty lily, laha fa manao ty zaka miomba ty lily arake ty
voanjagnahare, le iereo ro lily hoahy ty vatane, ndra le tsy mana ty lily aza iereo.15Amizay ro nanoroa iereo fa ty
asa angatahe ty lily le voasoratre ao agnarofo iereo. Ty dine iereo avao kea le vavolombelo hoahy iereo, naho ty
say iereo avao le ndra magnameloke ndra miaro iereo amity vata iereo 16naho kea amin'Agnahare. Zay le hiseho
amity andro ze hitsaran'Agnahare reo tsiambaratelo ty ndaty iaby, arake ty zaka-soako, amity alala Jesosy Kirisity.
17Fa laha ohatre ka Jiosy ro hikaihanao ty vatanao naho mianky amity lily vaho mirehareha ao amin'Agnahare,
18naho mahay ty sitrampone vaho mamantatre ze zaka soa vatane satria nampianare tamity lily riha; 19naho laha
ohatre ke rese lahatre riha fa ty vatanao le mpitarike ty goa, hazava hoahy reo ze ao amity ieke, 20mpagnity ty
gege, mampianatre ty kolo, naho anagnanao ao amity lily ty toera ty fahaia vaho ty mare, le akore zay ro hatao
zay amity fomba hivelognanao ty fiaignako?21Naho riha ze mampianatre reo ilane, tsy mampianatre ty vatanao
vao riha? Riha ty mitory mandietre ty halatre, mangalatre vao riha? 22Riha ty mirehake fa tsy tokone
hitsangatsanga, mitsangatsanga vao riha? Riha ze malay ty sampe, manimba ty tempoly vao riha?23Riha ze fale
mirehareha ao amity lily, magnafa-baraka an'Agnahare vao riha amio fandikanao ty lily io? 24Fa" ty
agnaran'Agnahare le fa afa-baraka teo amireo Jentilisa naho nareo avao," arake ze le fa voasoratre.25Fa mahazo
tombone amity savatre vatane nareo laha ohatre ka magnenke ty lily, fa laha mandika ty lily nareo, le lasa tsy
voa-savatre aza nareo. 26Arake zay, laha ndaty tsy voa-savatre ro miambe ze paie ty lily, tsy hatao ho agnate ty
voa-savatre vao re ndra le tsy voa-savatre aza? 27Naho tsy ho bey ty raike ze tsy misavatre ara-boanjagnahare vao
nareo laha ohatre ka miambe ty lily voasoratre vaho ty savatre nareo, nefa mboe mandika ty lily!28Fa re le tsy
Jiosy amity toerane ambalike; ndra amity savatre ze miseho amity toerane ambaly ty nofo avao. 29Fa re le Jiosy ty
agnatene ao, naho ty savatre te ahy ty arofo, ao amity Fagnahy, fa tsy ao amity soratre. Ty fiantsa ty ndaty
manahake zay le tsy bakamity ndaty fa bakamin'Agnahare.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 3

[1]Ka ino are zane ty tombon-tsoa anagna ty Jiosy? Naho ino ro tombon-tsoa ty savatre? [2]Soa zay amity foma iaby.
Voalohane vatane, reo Jiosy le nagnaky ty talily bakamin'Agnahare.[3]Fa akore laha tsy nanam-pinoa reo Jiosy
ilane? Ty tsy finoa iereo vao ro hahavy ty fatokian'Agnahare tsy ho lefe? [4]Tsy hiny vatane anie zay. Fa kea, engao
ho hita fa mare Zagnahare, ndra le mpavande aza ty ndaty kirai-kiraike. Arake ty voasoratre hoe:" Haseho amity
rehanareo fa ndaty nareo, naho hatoro laha fa avy amity fitsara nareo."[5]Fa laha ohatre ty tsy hamareantika ro
manoro ty hamarean'Agnahare, ino ro azontika hambara? Afake mirehake vao tika fa tsy mare Zagnahare amity
fagnakarane ty helone amintika, sa tsy zay? (Mampiasa laha-drehake ty ndaty raho.) [6]Tsy hisy vatane anie zay!
Satria amity fomba akore naho ro hitsaran'Agnahare zao iaby zao?[7]Fa laha ohatre ty hamarean'Agnahare ka
magnomea fiantsa maro hoaze amity alala ty vandeko, le akore naho raho ro mboe tsarae ho mpanota? [8]Fa akore
ro tsy mirehake, arake ty talily diso te rehafe fa rehafentika, naho kea arake ty hamafe ty ilane fa nirehafentika ty
hoe:"Engao zahay hanao raty, mba hiavia ty soa"? Rarene ty fitsara atao amiereo.[9]Ka ino are? Magnomea rarene
ty vatantika vao tika? Tsy zay kea. Fa tika le fa nimeloke ty Jiosy vaho ty Grika, ie iaby, ho mpanota. [10]Zay le arake
ty voasoratre ty hoe:"Tsy misy ndaty mare, ndra le raike aza.[11]Tsy misy ndra raike aza mahay. Tsy misy ndra raike
aza mipay an'Agnahare. [12]Lasa nihatake iaby iaby. Lasa tsy misy ipaia aze ie iaby. Tsy misy mba manao ty soa, tsy
misy, ndra le raike avao aza.[13]Ty vozo iereo le kibory mivoha. Ty lela iereo le mamitake. Ty poizy iereo le mere le
ao ambane ty sogny iereo. [14]Ty vava iereo le feno ozo vaho lolom-po.[15]Ty tombo iereo le havana amity
fampimpohan-dio. [16]Ty fanimba vaho ty fijalea le egne amity lala iereo. [17]Rey ndaty rey le tsy nahay ty lala ty
fiadagna. [18]Tsy mba misy tahotre an'Agnahare eo agnoloa ty maso iereo."[19]Henanezao le haintika fa ndra ino ino
rehafe ty lily, le mahazo reo ze ambane lily. Zay le mba hahavy ty vava ty kirai-kiraike hitsy, naho mba hahazo
valene bakamin'Agnahare zao iaby zao. [20]Zay le satria tsy hisy nofo hohamaregne amity asa ty lily eo amasone. Fa
amity alala ty lily ro hahavia ty fahaia ty hadisoa.[21]Fa henanezao le nampahaie avao kea ty hamarean'Agnahare
tsy amity lily. Nihamarene ty lily vaho reo mpamisavisa, [22]fa zay, ro hamarean'Agnahare amity alala ty finoa
Jesosy Kirisity hoahy iaby ze mino. Satria tsy misy fifilia.[23]Fa nanonta ty ndaty iaby ka tsy mana ty
hasin'Agnahare, [24]naho iereo le hamaregne maimaimpoa amity hasoane amity alala ty fagnavota zao ao amy
Kirisity Jesosy.[25]Fa Zagnahare nagnoma Kirisity Jesosy ho fagnatetre amity alala ty finoa ty lione. Natolone ho
porofo ty hamareane ty kirisity, naho ty hagnenteane ty hadisoa taloha gne [26]amity faharetane. Niseho iaby iaby
zay ho fanehoa ty hamareane amize andro amizao zao. Zay le mba hahafahane magnamare fa mare ty vatane,
naho mba hanoroa fa Re le magnamare iaby naho ty finoa i Jesosy.[27]Aia are zane ty rehareha? Voafafa zay. Fa ino
ro antone? Amity asa vao? Aha, fa naho ty finoa. [28]Manam-pakevetre zay tika fa ty ndaty raike le hamaregne
arake ty finoa tsy misy reo asa ty lily.[29]Sa Zagnahare ty Jisoy arere avao vao ty Zagnahare? Feie vao tsy Zagnahare
reo Jentilisa kea Re? Eka, ahy ty Jentilisa kea. [30]Laha, raike vatane Zagnahare, le ho hamaregnene amity finoa reo
voasavatre, naho reo tsy voa-savatre kea amity alala ty finoa.[31]Foagnantika amity alala ty finoa are vao zay ty lily?
Tsy hisy vatane anie zay! Fa kea, magnenke ty lily tika.

## Chapter 4

[1]Inona are ro ho rehafentika fa hita Abrahama, raentika taloha agne arake ty nofo? [2]Fa laha nihamaregne tamity
asa Abrahama, le nana antone hirehareha re, nefa tsy eo agnoloan'Agnahare. [3]Fa ino ro ambara ty Soratre Masy?"
Abrahama le nino an'Agnahare, naho nidineke ho hamarea zay."[4]Naho hoahy ze miasa, ty karamane le tsy isahe
ho hasoava, fa ho hoe ty trosa. [5]Fa hoahy ze tsy miasa kea nefa mino ty Raike ze magnamare ty mpandietre
an'Agnahare, le isahe ho hamarea ty finoane.[6]Davida avao kea le manogno tso-drano amity ndaty ze
isahen'Agnahare ho mare nefa tsy miasa. [7]Hoe re ty hoe:" Sambatre reo ze voa-vototre ty helone, naho kea reo ze
voatako ty hadisoane . [8]Sambatre ze tsy isahe Tompo heloke."[9]Amiereo voasavatre avao vao ro hanognona ze tso-
drano zay, sa amireo tsy voa-savatre kea? Fa hoe tika ty hoe:"Ty finoa le nisahe Abrahama ho hamarea." [10]Ka
akore are ro nagnisaha zay? Tamy Abrahama te fa voasavatre, sa tamie tsy mboe voa-savatre? Tsy tamie le fa
voa-savatre fa tamie mboe tsy voa-savatre.[11]Abrahama le nandrae ty famantara ty fanavara. Zay le famantara ty
hamarea ty finoa ze le fa nanagnane laha mboe tsy voa-savatre re. Ty vale ze famantara zay le lasa rae ze mino
iaby re, ndra le mboe tsy voa-savatre aza iereo. Midika zay fa ty hamarea le ho isahe hoahy iereo. [12]Nidika koa zay
fa Abrahama le lasa rae ty voa-savatre tsy hoahy reo ze voa-savatre arere avao fa hoahy reo ze magnorike ty lia
ty finoa Abrahama raentika avao kea taloha ty tsy mboe naha-voasavatre aze.[13]Fa ty fampagnategna tamy
Abrahama vaho reo fokone fa ho mpandova zao iaby zao re le tsy bakamity alala ty lily fa bakamity alala ty
hamarea ty finoa. [14]Fa laha reo ze mivelo amity lily ro mpandova, le ho foa ty finoa, naho tsinontsino ty
fampagnategna. [15]Satria ty lily le manday amity heloke, fa agne amize tsy misy lily, le tsy misy fandikan-dily.
[16]Laha ze antone zay le miseho amity finoa zay, mba hitoboha ty fampagnategna amity hasoava naho ho azo
antoke amireo foko Abrahama iaby_tsy hoahy reo ze ambane ty lily avao, fa hoahy reo ze mizara ty finoa
Abrahama avao kea. Raentika iaby re, [17]arake ty voasoratre ty hoe:" Nataoko ho rae ty firene maro riha." Teo
amity fiatreha ty nitokia Abrahama, le, Zagnahare zay, te nagnomea havelo reo mate naho mikaike reo zaka tsy
mboe misy mba hisy.[18]Ndra le tea aza reo zaka-miseho ambalike, le natoky vatane an'Agnahare ty Abrahama
amity hoavy. Ka lasa rae ty firene maro re, arake ze le fa voatalily ty hoe:Hanahake zay ty fokonao." [19]Tsy narefo
tamity finoa re. Hay Abrahama fa tsy afake ty hanagnanake re (satria le fa teo amity zato tao teo re). Niharine
avao kea re fa ty troke Saraha le tsy afake ty handay trokebey sase.[20]Nefa naho ty fampagnategnan'Agnahare, le
tsy nisalasala tamity tsy finoa ty Abrahama. Fa kea, niha-mafe tamity finoa re naho niantsa an'Agnahare. [21]Rese
lahatre vatane re fa ze nampagnategnan'Agnahare, le afake ataone avao kea. [22]Laha zao le nidineke hoaze ho
hamarea zay.[23]Naho le tsy sinoratre hoahy ty tombotsoane arere avao zay, fa nisahe hoaze zay. [24]Sinoratre
hoantika avao kea zay, hoahy ze hagnisaha zay, tika ze mino Aze ze nananga Jesosy Tompontika tamity mate. [25]Re
ty raike natolotre naho reo hadisoantika naho natsanga mba hagnamare antika.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 5

1Satria nihamaregne tamity finoa tika, le mana fiadagna miarake amin'Agnahare amity alala ty Tompontika
Jesosy kirisity. 2Amity alalane avao kea ro anagnantika lala amity finoa mbaeo amize hasoava ze itsanganantika
zay. Mifalefale amity fatokisa amean'Agnahare anay amity hoavy zahy, fatokisa ze ho zaraentika ao amity
hasin'Agnahare.3Tsy amizay avao, fa tika avao kea le mifale ao amity jalentika. Haintika fa ty fijalea le mamokatre
fahareta. 4Ty fahareta miterake fagnenkea, naho ty fagnenkea miterake fatokia ho amity hoavy. 5Ze toky zay le tsy
mandiso fagnategna, satria ty hatean'Agnahare le fa napoke tao agnarofontika tamity alala ty Fagnahy Masy, ze
namea antika.6Fa laha mboe naleme tika, le mate ara-potoa hoahy ty raty fagnahy Kirisity. 7Fa sarotre hoahy ty
ndaty raike ty ho mate hoahy ty ndaty mare. Fa , asa mete misy ndaty raike mahasaky ho mate hoahy ty ndaty
soa.8Fa Zagnahare manoro ty hateane arere ho antika, satria laha mboe mpanota tika, le mate ho antika kirisity.
9Mihoatre naho zay aza, henanezao. Laha fa nihamaregne tamity lio tika, le ho voavonje zay amity
helon'Agnahare.10Fa laha, mboe fahavalo tika, le nilongo tamin'Agnahare tamity alala ty fate ty Anane, naho
mihoatre naho zay, laha fa baka nampilongoe, le ho voavonje amity alala ty aine tika. 11Naho zay avao, fa tika
avao kea le mifale ao amin'Agnahare amity alala Tompontika Jesosy kirisity, ty nahazoantika ze filongoa zay
amizao.12Laha zao are, hoe ty nilira ty hadisoa tamity ndaty raike tamizao iaby zao, le hoe zay kea ro nilira ty fate
tamity alala ty hadisoa. Naho ty fate le niele tamity ndaty iaby, satria sambe nanota iaby iaby. 13Mandram-pisia ty
lily, le teto amizao iaby zao ty hadisoa, fa tsy misy fagnisahan-keloke tsy misy lily.14Nefa ndra zay aza, ty fate le
nanjaka nanomboke tamy Adama ka zisikamy Mosesy, ndra le teo amireo ze tsy nanota manahake ty tsy hatea
Adama aza, ty jilove ty hoavy. 15Nefa ndra zay aza, ty fagnomea le tsy manahake ty hadisoa. Fa laha tamity alala ty
hadisoa ty raike ro nahafate ty maro, le mihoatre lavitre ro natao ty hasoan'Agnahare vaho ty fagnomea
bakamity hasoa ty ndaty raike, Jesosy kirisity, namea bey hoahy maro.16Fa ty fagnomea le tsy manahake ty
vokatre bakamity raike ze nanota. Fa amity lafine raike, avy ty fitsara ho fagnameloha naho ty hadisoa ty ndaty
raike. Fa amity lafine raike hafa, ty fagnomea miafara amity fagnamarea le niavy tafara ty hadisoa maro. 17Fa
laha, tamity alala ty hadisoa ty raike, ro hanjaka ty fate amity raike, le mihoatre lavitre naho zay ty hanjaka reo
ze mandrae ty habey ty hasoava vaho ty fagnomea ty hamarea amity alala ty fifanta ty raike, le Jesosy kirisity.
18Laha zao are, satria tamity alala ty hadisoa ty raike ro nahavy ty ndaty ho amity fagnameloha, le amity alala ty
asa ty hamarea ty raike avao kea ro hahavia ty fagnamarea ty havelo hoahy ty ndaty iaby. 19Fa satria bakamity tsy
fagnenkea ty ndaty raike ro nahavy ty maro ho mpanota, le amity alala ty fagnenkea ty raike avao kea ro hahavy
ty maro ho mare.20Fa niavy tamizay ty lily, mba ho bey ty hadisoa. Nefa laha nihabey ty hadisoa, le vaho maike
nihabey ty hasoava. 21Niseho zay mba, manahake ty nanjaka ty hadisoa tamity fate, le hoe zay kea ro hanjaka ty
hasoava amity alala ty hamarea ho amity havelo zisikagne amity alala Jesosy kirisity Tompontika.

## Chapter 6

[1]Ino are ro ho rehafentika? Tokone hanohy amity hadisoa vao tika mba hitomboa ty hasoava? [2]Tsy hisy vatane
anie zay. Tika ze mate ty amity hadisoa, amity fomba akore vao ro mboe hivelomantika amizay avao? [3]Tsy
hainareo vao fa reo iaby natao batisa tao amy Kirisity Jesosy le natao batisa tao amity nifatezane?[4]Ka, voaleve,
niarake tamine tamity alala ty batisa ho amity fate tika. Niseho zay mba ho hoe ty nanangana Kirisity tamity
mate tamity hasy ty Rae, ro andehanantika amity fiaignam-baovao avao kea. [5]Fa laha mikamba Amine amity
toera ty fatene tika, le hikamba amity fitsanganane avao kea.[6]Haintika zay, fa ty vatantika taloha le pineke
niarake tamine, mba hamoteha ty vata ty hadisoa. Niseho zay mba ho andevoze ty hadisoa sase tika. Re te mate le
natalily fa mare vaho afake amity hadisoa.[8]Fa laha mate niarake tamy Kirisity tika, le mino fa hiara-belo Amine
avao kea. [9]Tika le mahay fa nitsanga tamity mate kirisity, naho tsy mate sase re. Tsy manjaka amine sase ty fate.
[10]Fa laha ty miomba ty fate le mate naho ty amity hadisoa Re, mate indraike avao hoahy iaby Re. Kanefa, ty
fiaigna ze hiaignane le ivelognane ho an'Agnahare. [11]Le hoe zay, tsy mahaintsy midineke ty vatanareo ho le fa
mate amity hadisoa avao kea nareo, fa velo ho an'Agnahare ao amy Kirisity Jesosy.[12]Laha zao ko enga hanjaka ao
amity vatanareo mete mate ty hadisoa mba hanagnanareo ty paian-draty. [13]Ko atolotre hoahy ty hadisoa ty
vatanareo, ho zaka ampiasae amity tsy hamarea. Fa atoloro ho an'Agnahare ty vatanareo, hoe ty nitsanga tamity
mate te velo amizao. Naho atoloro ho an'Agnahare ty vatanareo mba ho zaka ampiasae amity hamarea. [14]Ko enga
hanjaka aminareo ty hadisoa. Satria tsy ambane ty lily nareo, fa ambane ty hasoava.[15]Ka ino are? Tokone hanota
vao tika satria tsy ambane ty lily, fa ambane ty hasoava? Tsy hisy vatane anie zay. [16]Tsy hainareo vao fa ty raike ze
anoloranareo ty vatanareo ho mpanompo le ty raike ze ho teanareo, ty iaze tsy mahaintsy ho teanareo? Mare zay
ndra mpanompo ty hadisoa te mitarike agne amity fatenareo, ndra mpanompo ty fagnenkea te mitarike agne
amity hamarea.[17]Fa isaora Zagnahare! Satria le fa mpanompo ty hadisoa nareo, kanefa nagnenke tao amponareo
ty fomba fampianara ze namea anareo. [18]Nafaha tamity hadisoa nareo, naho natao mpanompo ty hamarea.
[19]Mirehake hoe ty ndaty raho naho ty halemea ty nofonareo. Satria vatane vaho nanolotre ty vatanareo ho ndevo
ty halotoa vaho ty raty nareo, le hoe zay kea zao, atoloro ho ndevo ty hamarea ho amity hamasigna ty vatanareo.
[20]Fa tamy nareo nindevo ty hadisoa, le afake tamity hamarea. [21]Amizao, ino are ro vokatre azonareo tamireo zaka
ze mahamegnatre anareo amizao? Satria ty voka rey zaka rey le ty fate.[22]Fa amizao laha fa nafaha tamity hadisoa
nareo naho lasa mpanompon'Agnahare, le mahazo ty hamasigna. Ty vokatre le ty havelo zisikagne. [23]Fa ty voka ty
hadisoa le fate, fa ty fagnomean'Agnahare kea le ty havelo zisikagne ao amy Kirisity Jesosy Tompontika.

Chapter 7

[1]Sa tsy hainareo, ry rahalahy (Satria mirehake amity ndaty mahay ty miomba ty lily raho), fa ty lily le mibaiko ty
ndaty raike laha mboe velo kea re?[2]Fa ty ampela ze manambaly le voafehe ty lily amity valine laha mboe velo re,
fa laha mate ty valine, le afake amity lily ty fanambalia re. [3]Laha zao, laha mboe velo ty valine, laha ohatre ka
miarake amity lahilahy hafa re, le hatao ty hoe mpandehandeha re. Fa laha mate ty valine, le afake amity lily re,
ka tsy mpandehandeha re laha ohatre ka miarake amity lahilahy hafa.[4]Laha zao, ry rahalahiko, le natao mate
tamity lily avao kea nareo tamity alala ty vata Kirisity. Natao zay mba hikambana nareo amity hafa, zane hoe,
amire ty natsanga tamity mate, mba hahafahantika mamokatre voane ho an'Agnahare. [5]Fa tamintika tao amity
nofo, reo paie ty hadisoa, te hinetse ty lily, le niasa tao amireo vatantika mba hamokatre voane ho ahy ty fate.[6]Fa
henanezao le nafaha tamity lily tika. Mate tamity namehe antika tika. Zay le mba hahafahantika manompo amity
havaozam-pagnahy, fa tsy amity hantera ty soratre.[7]Ino are ro rehafentika? Ty lily vatane vao ro hadisoa? Tsy
hisy vatane anie zay. Kanefa, tsy ho nahay ty hadisoa vatane raho, laha tsy tamity alala ty lily zay. Fa tsy ho nahay
ty hatea raho laha tsy nirehake ty lily ty hoe:"Ko magniry." [8]Fa nangalake mafe tamity lily ty hadisoa ka nahavy ty
hatea iaby amiko ato. Fa laha tsy misy ty lily, le mate ty hadisoa.[9]Taloha raho le velo tsy nisy ty lily, fa laha fa
niavy ty lily, le velo ndraike ty hadisoa, ka mate raho. [10]Ty lily ze tokone handay havelo ro nivalike ho fate hoahy.
[11]Fa ty hadisoa le nangalake mafe tamity alala ty lily ka namitake ahy. Tamity alala ty lily ro namonoane ahy.
[12]Laha zao ty lily le miasa, naho ty lily le masy, mare, naho soa.[13]Ka feie vao nivalike fate hoahy ty soa? Tsy hisy
vatane anie zay. Fa ty hadisoa, mba hahafahane hiseho ho hadisoa amity alala ze soa, le nanday fate tamiko. Zay
le mba ho amity alala ty lily, ty hadisoa le mete ho lasa vatane hadisoa vatane. [14]Fa haintika fa ara-pagnahy ty lily,
fa zaho bakamity nofo. Te fa navily ho ao ambane ty fagnandevoa ty hadisoa raho.[15]Fa ty zaka ataoko, le tsy
vatane azoko soa. Satria ze teako hatao, le tsy ataoko, naho ze hejeko, le ataoko. [16]Fa laha manao ze tsy teako raho,
le miara hevetre amity lily fa soa ty lily.[17]Fa henanezao le tsy zaho sase ro manao zay, fa ty hadisoa zay velo
agnateko ato. [18]Fa haiko fa amiko ato, ze ato amity nofoko, le tsy misy zaka soa velo. Fa ty fagniria ty soa le amiko
ato, feie tsy afa-ke manao zay raho.[19]Fa ty soa ze teako le tsy ataoko, fa ty raty ze tsy teako, ro ataoko. [20]Naho laha
manao ze tsy teako raho, le tsy zaho sase ro miasa zay, fa kea ty hadisoa ze velo amiko ato. [21]Naho, zaho le nahita,
ty lily amiko ato fa te hanao ze soa raho, feie ty raty ro amiko ato zao.[22]Fa mifale ao amity lilin'Agnahare raho
amity fagnahy maha ndaty. [23]Kanefa mahita lily raike hafa ao amity miomba ty vatako raho. Zay le mialy amize
lily vaovao ao antsaiko zay. Mitana ahy ho azo ty lily ty hadisoa te ao amity miomba ty vatako zay.[24]Ndaty
mahantra raho! Ia ro hagnafake ahy amity vata ty fate toy? [25]Fa isaora Zagnahare amity alala Jesosy kirisity
Tompontika! Laha zao, zaho vatako le manompo ty lilin'Agnahare amity saiko. Ndra le zay aza, le manompo ty lily
ty hadisoa amity nofo raho.

Chapter 8

[1]Laha zao le tsy misy fimelofa sase amizao hoahy reo ze ao amy Kirisity Jesosy. [2]Fa ty lily ty Fagnahy havelo ao
amy Jesosy Kirisity ro nagnafake ahy tamity lily ty hadisoa vaho ty fate.[3]Fa ze tsy afake natao ty lily naho ty
halemea zay tamity nofo, le nataon'Agnahare. Nandefa ty anadahine Re tamity toera ty nofo feno hadisoa mba ho
fagnatetre hoahy ty hadisoa, naho nimeloke ty hadisoa tao amity nofo re. [4]Nataone zay mba ho lefe ao amintika
ty zaka paie ty lily, tika ze mandeha tsy arake ty nofo, fa arake ty Fagnahy. [5]Reo ze mivelo arake ty nofo le
mifagnenke amireo zaka ty nofo, fa reo ze velo arake ty Fagnahy le miarake amireo zaka ty Fagnahy.[6]Satria ty
fisaigna miore amity nofo le fate, fa ty fisaigna miore amity Fagnahy kea le fiaigna vaho fiadagna. [7]Ty fisaigna
miore amity nofo le fandrafea eo agnoloan'Agnahare, fa tsy mifagnarake amity lilin'Agnahare zay, ro vaho tsy
haine kea ty manao zay. [8]Reo ze ao amity nofo le tsy afake ty ho tean'Agnahare.[9]Kanefa, nareo le tsy ao amity nofo
fa ao amity Fagnahy, laha mare fa mivelo ao amireo ty Fagnahin'Agnahare. Fa laha misy ndaty tsy mana ty
Fagnahy Kirisity, le tsy Aze re. [10]Laha aminareo ao Kirisity, le mate naho ty hadisoa ty vata, fa ty fagnahy le velo
naho ty hamarea.[11]Laha ty Fagnahy ty nananga Jesosy tamity mate ro velo ao aminareo, le Re ty nananga Kirisity
tamity mate ro hagnomea havelo avao kea hoahy ty vatanareo ze mete mate amity alala ty Fagnahine, te velo
aminareo ao.[12]Laha zao, ry rahalahy, le mpitrosa tika, fa tsy ao amity nofo mba ho velo arake ty nofo. [13]Fa laha
velo arake ty nofo nareo, le ho mate, fa laha amity fagnahy ze amonoanareo ty asa ty vata, le velo nareo.[14]Fa
manahake reo iaby voatary ty Fagnahin'Agnahare, iereo ro anan'Agnahare. [15]Fa tsy nandrae ty fagnahy ty
fagnandevoa ndraike nareo ka hatahotre. Fa kea, nandrae ty Fagnahy ty fananganagnanake nareo, te hikaike-
kaike antika ty hoe:"Baba, Rae!"[16]Ty Fagnahy vatane ro vavolombelo amity fagnahintika fa anan'Agnahare tika.
[17]Laha anake tika, le mpandova avao kea, mpandova an'Agnahare. Naho mpiara-lova ao amy Kirisity tika, laha
vatane mijale miarake Amine vatane tika le amean-kasy miarake Amine kea.[18]Fa ataoko fa reo fijalea amizao
andro zao le tsy soa ampitovie amity hasy ze hatoro antika. [19]Fa ty zaka iaby ze magnategna mafe le mandrae ty
fanoroa reo anan'Agnahare.[20]Fa ty zaka le natao ho zaka-foa tsy naho ty sitrampone arere, fa naho ty nanao zay.
Zay le ao amity fatokia namea [21]fa reo hare vatane ro ho afahe amity fagnadevoa ty halavoa, naho handay agne
amity fahafaha ty amity hasy ty anan'Agnahare zay. [22]Fa haintika fa ty hare iaby le miara-miay vaho miara-miasa
ao agnate ty tebetebe ndra amizao aza.[23]Tsy zay avao, fa ndra ty vatantika aza, ze mana ty loham-bokatre ty
Fagnahy_ndra ty vatantika aza le miay ao agnatentika, miambe ty fanangana antika ho anake, le ty fagnavota ty
vatantika. [24]Fa tamize toky zay ro namonjea antika. Fa ze atokisantika fa hiseho le mboe tsy hita, fa ia ro miambe
ampatokia te le fa hitane? [25]Fa laha matoky amize mboe tsy hitantika tika, le miambe zay ampahareta.[26]Hoe zay
kea, ty Fagnahy le magnampe ao amity halemeantika. Fa tika tsy mahay ze vavake tokone hataontika, fa ty
Fagnahy vatane ro mifona ho antika amity fitempoa tsy hay rehafe. [27]Re teie mandineke ty arofo ro mahay ty dine
ty Fagnahy, satria Re ro mifona hoahy ty mpino arake ty sitrampon'Agnahare.[28]Haintika fa hoahy reo ze tea
an'Agnahare, le miarake ampiasaene ho amity soa iaby ty zaka iaby, (Fagnamarea: Laha tokone ty hoe" Miarake
ampiasaene ho amity soa iaby ty zaka iaby," le ty dikan-drehake ilane taloha manao ty hoe:" Ty zaka iaby le
miarake miasa ho amity soa.") hoahy reo ze voakaike arake ty fandaharene. [29]Satria reo ze haine aloha, le
tinendrene aloha avao kea mba hitovy toera amity Anane, mba ho lahy voalohane eo agnivo reo rahalahy maro
re. [30]Reo ze tinendre aloha, le kinaike avao kea. Reo ze kinaike, le nihamaregne avao kea. Reo ze nihamaregne, le
namea hasy avao kea.[31]Ino are ro tokone ho rehafentika miomba reo zaka reo? Laha miomba antika Zagnahare,
ie ro matahotre antika? [32]Re te tsy niaro ty Anadahine arere fa nanolotre Aze hoantika iaby, akore ro tsy
hagnomeane antika maimaimpoa miarake Amine ty zaka iaby avao kea?[33]Ia ro handay fitana handietrereo ndaty
voafilin'Agnahare? Zagnahare ro raike ze magnamare zay. [34]Ia ty raike ho meloke? Kirisity ro raike mate ho
antika, naho mihoatre zay, natsanga avao kea Re. Mpandily miarake amin'Agnahare eo amity toeran-kasy Re,
naho Re ro mifona ho antika.[35]Ia ro hanarake antika amity hatea Kirisity? Fahorea, sa Fijalea, sa faneseha, sa
hakere, sa tsifisikina, sa loza, sa meso? [36]Arake ty voasoratre ty hoe:" Naho riha le voavono andro lava zahay.
Niraese hoe ty agnondry ho vonoe zahay."[37]Ao agnate ze zaka iaby zay le mihoatre naho ty mpandrese zahay
amity alala ty raike tea anay. [38]Fa rese lahatre raho fa mdra ty fate, ndra ty havelo, ndra reo anjele, ndra reo
fanjaka, ndra reo raraha amizao, ndra reo zaka hoavy, ndra reo here, [39]ndra ty ambone, ndra ty laleke, ndra zaka-
namboare hafa, le tsy hahasarake antika amity hatean'Agnahare, ze ao amy Kirisity Jesosy Tompontika.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 9

[1]Mitalily ty mare ao amy Kirisity raho. Tsy mavande raho, naho ty eretrereko ro vavolombelo miarake amiko ao
amity Fagnahy Masy, [2]fa ahy le misy alahelo bey naho fijalea tsy mitofa ampoko ato.[3]Fa afake nagniry raho fa
zaho vatako le ho voa ozo ka hihatake amy Kirisity naho ty amireo rahalahiko, reo ze raike raza amiko arake ty
nofo. [4]Iereo le Israelita. Iereo le mana fanangana, ty hasy, reo fagnenkea, ty fagnomeane ty lily, ty fiantsa
an'Agnahare, naho reo fampagnategna. [5]Ty ahy iereo le reo raza ze nahavy Kirisity ho lasa nofo, Re ty Zagnahare
ambone iaby iaby. Ho antsae zisikagne anie Re. Amena.[6]Fa tsy foa reo ze nampagnategnan'Agnahare. Fa tsy iaby
ze bakagne Israely ro vatane ahy Israely. [7]Ndra reo foko Abrahama iaby ro vatane anane. Fa:" Amity alala Isaka
ro hikaiha reo fokonao."[8]Zane hoe, reo ana ty nofo le tsy anan'Agnahare ro raese ho foko. [9]Fa hoe zao ro rehake ty
fampagnategna:" Amize andro zay le hoavy Raho, naho hagnomea ajalahy Saraha."[10]Tsy zay avao, fa bakeo kea
Rebeka hanagnanake amity lahilahy raike, Isaka raentika_[11]fa mboe tsy terake kea reo kolo naho mboe tsy nanao
zaka soa ndra raty, mba ho hoe ty dinen'Agnahare arake ty fifilia, tsy naho reo asa, fa naho Re te
mikaike_[12]natalily tamin-drampela ty hoe:"Ty raokene le hanompo ty zaine." [13]Zay le manahake ze voasoratre ty
hoe:"Jakoba teako, fa Esao hejeko."[14]Ino are ro ho rehafeko? Misy tsy hamareane vao miarake amin'Agnahare?
[15]Tsy hisy vatane anie zay. Fa hoe Re tamy Mosesy ty hoe:"Handefetre amize teako handefera raho, naho
hiferegnay reo ze teako hiferenaigna Raho." [16]Laha zao are, le tsy naho re mikasa zay, ndra naho re milailay, fa
naho Zagnahare, te nanoro ty fandefera.[17]Fa ty Soratre Masy nagnambara tamy Farao ty hoe:" Fa naho ze antone
zay ro nagnakarako anao, mba hanoroako aminao ty hereko, naho mba hagnambara ty agnarako eran-tane."
[18]Laha zao, Zagnahare le mandefetre amize teane, naho ze teane, ro ho hamafese ty arofo.[19]Bakeo hitalily amiko
nareo ty hoe:"Nagnino ro mboe mahita tsiny avao Re?" Fa ia ro mahalietre ty sitrampone?" [20]Mifanohetre amizay,
ralahilahy, ia vao riha ro mamale mandietre an'Agnahare? Feie ze le fa nidinehe hitalily amity mpandineke zay ty
hoe:" Nagnino ro nataonao hoe izao raho?" [21]Feie ty mpanefe valagne tsy mana zo amity tanemnaga ka ty
vongane raike avao ro hagnamboara fitoera amity andro voatoka, naho fitoera raike hafa amity andavan'andro?
[22]Akore laha Zagnahare, te tehanoro ty helone vaho hampahay ty fahefane, ro niaretre tamim-pahareta reo
fitoera ty heloke vinogno ho amity fahasimba? [23]Akore laha nataone zay mba hampahaiane ty harea ty hasine eo
amireo fitoera ty fandefera, te le fa vinogno aloha ho amity hasy? [24]Akore laha nataone ho antika kea zay, te
kinaine avao kea, tsy ho eo amity sambe Jiosy avao, fa ho eo amity Jentilisa avao kea?[25]Arake ze nirehafene tao
amy Hosea avao kea ty hoe:"Hataoko ty hoe ndatiko ze tsy ndatiko, naho ty hoe malala ty tsy malala. [26]Bakeo le
agne amize nirehake tamiereo ty hoe:' Tsy ndatiko nareo,' agne ro hikaiha iereo ty hoe:' anan'Agnahare
velo.'"[27]Isaia nikaike mafe ty amy Israely ty hoe:"Laha manahake ty faseke egne amity riake ty isa ty ana Israely, le
ho voa vonje ze sisa tavela, [28]fa ty handay ty safane eto antane, feno naho tsy ho ela." [29]Arake ty nirehafe Isaia
aloha ty hoe:"Laha ty Tompo tompo ty maro ro tsy nagnenga foko hoantika, le hanahake Sodoma tika, naho ho
hanahake i Gomora."[30]Ino are ro horehafentika? Fa reo Jentilisa, ze tsy nipay ty hamarea, ro nahazo ty hamarea,
te hamarea bakamity finoa. [31]Fa Israely, te nipay ty lily ty hamarea, le tsy niavy tamizay.[32]Nagnino vao? Satria
iereo tsy nipay zay tamity finoa, fa tamity asa. Tafintohy ty vato ty fagnafintohina iereo, [33]arake ze le fa voasoratre
ty hoe:"Henteo, ao Ziona ro ametrahako ty vato ty fagnafintohina vaho vato ty fandikan-dily. Ze mino zay le tsy
ho megnatre."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Ry rahalahy, ty paie ty arofoko vaho ty angataheko amin'Agnahare hoahy iereo, le ty famonjea iereo. [2]Fa
mitsanga vaolombelo miomba iereo raho fa mafana-arofo ho an'Agnahare iereo, nefa tsy arake ty fahaia. [3]Fa tsy
mahay ty hamarean'Agnahare rey, naho mipay hametrake ty hamarea iereo arere. Tsy magnenke ty
hamarean'Agnahare rey.[4]Fa Kirisity ro fanoa ty lily ho hamarea ho iaby ze mino. [5]Fa Mosesy manoratre miomba
ty hamarea te bakamity lily ty hoe:" Ty ndaty ze manao ty hamarea ty lily le ho velo amize hamarea zay."[6]Fa ty
hamarea ze bakamity finoa le manao ty hoe:" Ko manao hoe zao ampo ty hoe:'Ia ro hiakatre agne andagnitse?'
)zay le, mandrotso Kirisity); [7]naho ko manao ty hoe:' Ia ro hizotro agne amity laleke?"' (zay le, mampiakatre
Kirisity amity mate).[8]Fa ino ro ambara zay?"Eo agnilanao ty rehake, ao ambavanao naho ao amponao." Zay ro
tsara ty finoa, zay ambaranay. [9]Fa laha amity vavanao ro agnenkeanao Jesosy ho Tompo, naho mino amity
arofonao fa natsangan'Agnahare tamity mate Re, le ho vonje riha. [10]Fa amity arofo ro inoa ty ndaty ty hamarea,
naho amity vava ro agnenkeane ty famonjea.[11]Fa hoe ty Soratre Masy ty hoe:"Tsy ho megnatre iaby ze mino Aze."
[12]Fa tsy misy maha-hafa eo amity Jiosy vaho Grika. Fa Tompo raike avao ro Tompo ty iaby, naho haream-
pahasoava ho ahy iaby ze mikaike Aze Re. [13]Fa iaby ze mikaike ty agnara Tompo ro ho vonje.[14]Akore are ro
hahafaha iereo mikaike Aze ze tsy ninoane? Akore ro hahafaha iereo mino Aze ze tsy rey iereo? Akore ro
hahafaha iereo maharey laha tsy misy mpitalily? [15]Naho akore ro hahafaha iereo mitalily, laha tsy nisy
nagnirake?_Arake ty voasoratre ty hoe:"Hehe ty hasoa ty tombo reo magnambara reo zaka-soa ty talily-
soa!"[16]Kanefa tsy ie iaby ro nidranjy ty zaka-soa. Fa hoe Isaia ty hoe:"Tompo, ia ro nino ty talilinay?" [17]Laha zao ty
finoa le bakamity fidranjigna, naho ty fidranjigna bakamity tsara Kirisity.[18]Fa hoe raho ty hoe:"Feie vao tsy nisy
naharey iereo?"Eka, vatane mare." Ty feo iereo le fa niakatre magneran-tane, naho ty reha iereo zisikagne amity
fara zao iaby zao."[19]Hafa zay, hoe raho ty hoe:"Feie vao tsy nahay ty Israely?" Tamity voalohane Mosesy nanao ty
hoe:"Hataoko sarotene amize tsy firene kea nareo. Amity firene ze tsy misy fahaia, hataoko avy amity heloke
nareo."[20]Naho eo vatane nahasaky kea Isaia laha fa nirehake re ty hoe:"Hita reo ze tsy nipay ahy raho. Niseho
tamireo ze tsy nagnotane ahy raho." [21]Fa hoe Re tamy Israely ty hoe:"Ire ro nahatiarovako ty tagnako tamity ndaty
tsy magnenke vaho marehareha."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 11

[1]Naho nirehake raho, narian'Agnahare vao ty ndatine? Sagnatria anie zay. Fa zaho avao kea le Israelita, foko
Abrahama, bakamity foko Benjamina. [2]Zagnahare le tsy nagnary ty ndatine, te le fa haine taloha. Tsy hainareo
vao ty voatalily ty Soratre Masy miomba Elia, le ty fitaraignane tamin'Agnahare namofoke Israely? ty hoe:
[3]Tompo, iereo le namono reo mpamisavisanao, namoteke ty alitaranao. Zaho arere sisa tavela, naho mipay ty
fiaiko iereo."[4]Fa ino ro valen-drehake nambaran'Agnahare aze?" Nanoka fito arivo lahy hoahy ty vatako Raho te
tsy nandohalehako teo amy Bala." [5]Le hoe zay, amizao henanezao avao kea le misy sisa avao naho ty fifilia amity
hasoava.[6]Fa laha bakamity hasoava zay, le tsy bakamity asa sase. Fa laha zay le tsy hasoava sase ty hasoava.(
Fagnamare: Ty tara-tasy ilane taloha le mamaky ty hoe:"Kanefa laha bakamireo asa zay, le tsy hasoava sase; fa
laha zay le tsy asa sase ty asa.") [7]Ino re? Ty zaka ze pinay Israely, le tsy azona, fa ty voafily ro nahazo zay, naho
nihamasigne reo sisane. [8]Zay le arake ty le fa voasoratre ty hoe:" Zagnahare le nagnomea iereo ty fagnahy ty
koronta, maso mba tsy hahita iereo, naho sofy mba tsy hahareiza iereo, zisike androany."[9]Naho hoe Davida ty
hoe:" Ao ty latabane ho harato vaho fandrike, ho vato maminga vaho valefate hoa iereo. [10]Ao ty maso iereo haieke
mba tsy hahita, naho ao hiondreke zisikagne ty lambosy iereo."[11]Le hoe raho ty hoe:"Feie vao tafintohy reo mba
ho lavo?" Sagnatria anie zay. Fa kea, bakamity fahavalo iereo, ro nahavia ty famonjea teo amireo Jentilisa, mba
hampialo iereo. [12]Naho laha ty fahavalo iereo ro harea zao iaby zao, naho laha ty harobaha iereo ro harea reo
jentilisa, le manao akore ty habey ty halefea iereo?[13]Fa henanezao le mirehake aminareo Jentilisa raho, naho laha
mboe apositoly reo jentilisa raho, le tea ty fanompoako. [14]Asa hampialo reo ze bakamity nofoko arere raho. Asa
hamonje ty ilane amiereo tika.[15]Fa laha midika fampilongoa zao iaby zao ty faniera iereo, le ino ro handraesa
iereo zay fa havelo bakamity fate? [16]Laha voa-toka ty vokatre voalohane, le ty agnilane amity kobam-bare kea.
Laha voatoka ty tahone, le hoe zay avao kea reo tahone.[17]Fa laha tinampake ty tahone ilane, naho laha riha,
tahon-olivanala, ro naharo teo amiereo, naho laha nifampizara tamiereo ty taho-mamokatre ty hetae oliva riha,
[18]ko mirehareha amireo tahone. Fa laha mirehareha riha, le tsy riha ro manday ty tahone, fa ty tahone ro manday
anao.[19]Le hirehake riha ty hoe:"Tinampake hiala reo tahone mba hahafahako mifandray amine." [20]Mare zay. Naho
ty tsy finoa iereo le tinampake hiala iereo, fa nareo le mitsanga soa naho ty finoanareo. Ko manao ty vatanareo
ho ambone, fa matahora. [21]Fa laha ty vatane tahone aza tsy nengan'Agnahare, le tsy ho engane avao kea riha.
[22]Naho, Henteo, ty hamoram-po vaho ty hasarom-pon'Agnahare. Ty agnilane, ty hasarom-po le niavy amireo Jiosy
ze nilavo. Fa ty eroa kea, ty hasoampagnahin'Agnahare le avy aminareo, laha maharetre ao amity hasoam-
pagnahine nareo. Fa laha tsy zay le ho tampahe kea nareo.[23]Naho ndra rey aza, laha tsy manohy amity tsy finoane
iereo, le haharo. Fa Zagnahare le afake magnere mangaro iereo ndraike. [24]Fa laha tinampake tamity hetae oliva-le
nareo, ka naharo tamity hetae oliva soa, le hoe ty akore ty fihoara ty hamaro reo Jiosy, te sampagna
voajagnahare, naharo tamity hetae oliva iereo arere?[25]Fa tsy teako tsy hahay nareo, ry rahalahy, ty amize zaka-
mihaja zay, mba tsy haha-hendre anareo amity eretrerenareo arere. Ze zaka mihaja zay le fa nahamafe loha ty
ambaky Israely, mandrampahavy ty hafenoa reo Jentilisa.[26]Laha zao le ho vonje iaby ty Israely iaby, arake ty
voasoratre ty hoe:" Hiakatre bakagne Ziona ty mpagnafake. Hagnafake ty haratiam-pagnahy amy Jakoba Re,
[27]naho zay ro ho fagnen-keam-pilongoako amiereo, laha fa hagnafake ty hadisoa iereo Raho."[28]Amity lafine raike
mikasike ty zaka-soa, le fahavalo iereo naho ty aminareo. Amity lafine raike hafa arake ty safidin'Agnahare, le
malala iereo naho reo raza. [29]Fa reo fagnomea vaho kain'Agnahare le tsy miova.[30]Fa nareo le tsy nagnenke
an'Agnahare taloha, kanefa amizao nareo le nandrae ty fandefera naho ty tsy fagnenkea iereo. [31]Tahake zay avao
kea, henanezao reo Jiosy le tsy nagnenke. Ty vokane le tamity alala ty fandefera ze natoro anareo ro mete
handraesa iereo ty fandefera avao kea amizao. [32]Fa Zagnahare le fa nagnily ty tsy fagnenkea iaby, mba
hahafahane manoro fandefera amiaby.[33]Hehe, ty halale reo harea ty hamarea vaho fahaian'Agnahare! Tsy taka ty
say reo fitsarane, naho reo lalane le tsy hay metare! [34]"Fa ia ro mahay ty dine Tompo ndra ia ro hoavy ho
mpagnomea-hevetre Aze?[35]Ndra ia ro nagnomea zaka an'Agnahare aloha, ka tsy mahaintsy
hagnoregnan'Agnahare aze ndraike?" [36]Fa bakamine avo amity alalane naho ho Aze ty zaka iaby. Ho Aze zisikagne
ty hasy. Amena.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 12

[1]Mangatake anareo raho naho zay, ry rahalahy, naho reo fandeferan'Agnahare, mba hanolotre ty vatanareo ho
soro velo, masy, enken'Agnahare. Zay ro fanompoanareo arake ty tokone ho ie. [2]Ko mitovy amizao iaby zao, fa
miova amity fagnavaoza ty sainareo. Anovo zao mba ho hainareo ze soa, azo enke, naho ty sitrampon'Agnahare.
[3]Fa ambarako, naho ty hasoava ze nameane ahy, ty tsy tokone hanagna iaby ze eo aminareo eretreretre
hagnambone ty vatane mihoatre ze tokone ho dinehene. Fa kea, tokone hidineke ampahamarea iereo, manahake
ty nagnomean'Agnahare finoa ty kirai-kiraike iaby.[4]Fa mana tahone maro amity vatantika tika, kanefa tsy mitovy
iaby ty asa reo tahone reo. [5]Mitovy amizay, tika te maro bey le vata raike avao ao amy Kirisity, naho tahone arere
amity kirai-kiraike.[6]Manana fagnomeam-pahasoava sambe hafa tika arake ty hasoava ze namea antika. Laha
famisavisa ro fagnomeam-pahasoava raike, le ao hatao arake ty habey ty finoane. [7]Laha fanompoa ro
fagnomeam-pahasoava ty raike, le ao re hanompo. Laha nisy raike nahazo fagnomeam-pahasoava hampianatre,
ao re hampianatre. [8]Laha homafese ro fagnomeam-pahasoava ty raike, ao re hagnamafe. Laha magnomea ro
fagnomeam-pahasoava ty raike, ao re hanao zay amin-kafoeza. Laha hitarike ro fagnomeam-pahasoava ty raike,
ao zay ho vita ampiambena. Laha hanoro fiferenaigna ro fagnomeam-pahasoava ty raike, ao zay ho vita
ampifalea.[9]Ao ty hatea tsy hisy fihatsaram-belatsihy. Hejegno ty raty; tano mafe ze soa. [10]Laha ty miomba ty hatea
ty mpirahalahy, mifankateava aminareo kirai-kiraike iaby. Laha ty miomba ty fagnomean-kasy, mifagnaja.[11]Laha
ty miomba ty fiareta, ko misalasala. Laha ty miomba ty Fagnahy, ao hafana arofo. Miomba ty Tompo, tompo Re.
[12]Mifalea ao amity fatokia ze anagnanao miomba ty hoavy. Mahareta amireo ndatinao. Mivavaha zisikagne.
[13]Mifampizara amize paie ty mpino. Mipaia fomba maro handraesanao ndaty.[14]Misaora reo ze magnenjeke anao;
misaora naho ko magnozo. [15]Miaraha-fale amireo ze mifale; miaraha-mitagny amireo ze mitagny. [16]Mitovia
fisaigna amity kirai-kiraike. Ko midineke amity fomba mirehareha, fa enkeno reo ndaty ambane. Ko midineke ty
vatanao ho mare.[17]Ko mamale raty ty raty. Manova zaka soa maro eo amaso ty ndaty iaby. [18]Laha mete, arake ze
azonao atao, milongoa amity ndaty iaby.[19]Ko mamale raty vatanareo, ry malala, fa ameo lala ty heloke
an'Agnahare. Te le fa voasoratre ty hoe:" Ahy ty vale-fate; Zaho ro hamale,' hoe ty Tompo." [20]Fa laha kere ty
fahavalonao, ameo sakafo re. Laha marandrano re, ameo hinomene re. Fa laha manao zay riha, le hamory
vaen'afo eo amity lohane." [21]Ko mete ho rese ty raty, fa reseo amity soa ty raty.

## Chapter 13

[1]Ao ty fagnahy iaby hagnenke reo manam-pahefa ambone, fa tsy misy fahefa laha tsy bakamin'Agnahare. Naho reo manam-pahefa misy le fa voatedren'Agnahare. [2]Laha zao ze mandietre ze fahefa zay le mandietre ty lilin'Agnahare; naho reo ze mandietre zay le hahazo fitsara amity vata iereo.[3]Satria reo mpandily le tsy fampitahora hoahy reo asa soa, fa ho ahy reo asa raty. Magniry ty tsy hatahotre ty raike ao amity fahefa vao nareo? Manova ty soa, le ho anstae amizay riha. [4]Fa re le mpanompon'Agnahare ho anareo amity soa. Fa laha manao ty raty nareo, le matahotre, satria tsy manday ty meso tsy amity antone re. Fa re le mpanompon'Agnahare, mapamale ty heloke amize manao raty. [5]Laha zao le tokone hagnenke nareo, tsy naho ty heloke avao, fa naho ty dineke avao kea.[6]Laha zao le mandoa hetra avao kea nareo. Fa mpanompon'Agnahare reo manam-pahefa, te mita ze zaka zay tsy ankijano. [7]Aloavo amity kirai-kiraike ze tokone hoahy iereo: mandoava hetra amize tokone handoava aze; mandoava falin-tseragna amize tokone handoava aze; matahotre ze tokone hatahora; magnaja ze mete amizay.[8]Ko mana trosa ndra aminia ia, laha tsy ty fifankateava avao. Fa ze tea ty magnodidy aze le nahalefe ty lily: [9]Maro reo lily:"Ko mangala-baly Ondaty, ko mamono ndaty, ko mangalatre, ko mitea," naho laha misy lily hafa reo kea, le voafehe amity tsara toy zay:"Teavo ty namanao manahake ty vatanao." [10]Ty hatea le tsy mahafere ty magnodidy; laha zao, ty hatea ro fahalefea ty lily.[11]Laha zao, hainareo ty andro, te le fa andro fifohazanareo amity roro sahady zao. Fa henanezao le fa miharine naho ze ninoantika tamity voalohane ty fagnavota antika. [12]Mandeha ty hale, naho miharine ty andro. Laha zao andao haria reo asa ty maieke, naho andao tika hisiky ty fialia ty hazava.[13]Andao hombeo amity lala mahity, manahake ty amity andro, fa tsy hoe ty amireo hafalea tsy ampahamarea ndra kea ty hamamoa; naho andao tsy handeha amity zaka-raty ndra amity paia tsy voamare, naho tsy amity fifandiera ndra fialogna. [14]Fa misikina Jesosy Kirisity Tompo, naho ko magnomea lala hoahy ty nofo, mba hagnomea haentsaha ze paiene.

Chapter 14

[1]Raeso ndra zay iaby maleme amity finoa, ko mitsara miomba ty tohan-kevetre. [2]Ty ndaty raike mana finoa
hihina ndra ino ino, fa ty raike hafa ze amleme letsy hihina laha-tsy voa-kentae.[3]Ao ze mihina ty zaka-raty tsy
hagnaraty ze tsy mihina iaby iaby; naho ze tsy mihina ty zaka-iaby kea tsy hitsara ze hafa mihina iaby iaby. Fa
Zagnahare le nagnenke aze. [4]Ia moa riha, riha ze mitsara ty mpanompo ty ndaty hafa? Eo agnoloa ty tompone re
ro mitsanga ndra mitonta. Fa hatsanga re, satria ty Tompo le afake mananga aze.[5]Ty ndaty raike le midineke fa
misy ty andro soa naho ty iaby. Ty hafa kea le midineke fa mitovy ty andro iaby. Engao ty kirai-kiraike ho rese
lahatre arake ty saine iaby. [6]Ze mandineke ty andro, le mandineke zay hoahy tompo; naho ze mihina, le mihina
hoahy tompo, fa misaotre an'Agnahare re. Ze tsy mihina, le mifaly-hane hoahy tompo, ie avao kea le misaotre
an'Agnahare.[7]Fa tsy misy miay hoahy ty vatane tika, naho tsy misy mate hoahy ty vatane. Fa laha mivelo tika, le
velo hoahy tompo, naho laha mate, le mate hoahy tompo. Arake zay ndra belo tika ndra mate, le ahy tompo. [9]Fa
hoamize antone zay ro nahafate Kirisity naho nivelognane ndraike, mba hahavy Aze ho vaho tompo ty mate ro
tompo ty velo.[10]Fa riha, nagnino riha ro mitsara ty rahalahinao?Naho riha, nagnino riha ro malay ty rahalahinao?
Fa tika iaby le mboe hitsanga ho tsarae eo agnoloa ty seza fitsaran'Agnahare. [11]Te le fa voasoratre ty hoe:"Laha
mboe velo kea raho."hoe ty Tompo,"le hiforetre agnoloako eo ty ongotse iaby, naho ty lela iaby le hiantsa
an'Agnahare."[12]Laha zao are, tika kirai-kiraike iaby le hanao talily ty vatane eo amin'Agnahare. [13]Ka, ao tika tsy
hifampitsara sase, fa kea handily zao, mba tsy hisy hametrake vato manafintohy ndra fandrike hoahy ty
rahalahine.[14]Mahay raho naho rese lahatre ao amy Tompo Jesosy, fa tsy misy tsy malio amity vatane. Fa hoahy ze
mandrae ndra ino ino ho tsy malio zay, le tsy malio zay ho aze. [15]Satria laha malahelo naho ty amity sakafo ty
rahalahinao, le tsy mandeha amikan-tea sase riha. Ko simbae naho ty amity sakafonareo reo ze namoeza kirisity
ty arofone.[16]Ka ko mamototre ze dinehenareo ho soa ho haratie. [17]Fa ty fanjakan'Agnahare le tsy mboe ty sakafo
vaho rano finome, fa miomba ty hamarea, fiadagna, naho hafalea ao amity Fagnahy Masy.[18]Fa ze manompo
Kirisity arake zay le tean'Agnahare vaho enkene ty ndaty. [19]Laha zao, ao tika hanohy reo zaka ty fiadagna vaho
reo zaka ze manefe ty kirai-kiraike iaby.[20]Ko simbaeo naho ty amity sakafo ty asan'Agnahare. Malio vatane ty zaka
iaby, fa raty hoahy ty ndaty ze mihina aze naho mahavy aze ho tafintohy. [21]Soa ty tsy mihinan-kena, ndra mino
divay, ndra ty zaka iaby ze mete hanafintohy ty rahalahinao.[22]Ty finoa anagnanao, tano ao aminao vaho
Zagnahare. Sambatre ze tsy meloke ty vatane amize enkene. [23]Ze misalasala le meloke laha mihina, satria tsy
tamity finoa zay. Naho ndra ino ino tsy bakamity finoa le hadisoa.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 15

[1]Naho tika ze mafe le tokone handefetre ty halemea ty maleme, naho tsy tokone hanao ze mhafale ty vatantika.
[2]Ao ty kirai-kiraike iaby amintika hanao ze mahafale ty mpiara-belo amine fa zay ro soa, mba hagnakara aze.[3]Fa
ndra Kirisity aza tsy manao ze nahafale ty vatane. Fa kea, zay le arake ty voasoratre ty hoe:" Ty fagnaratia reo ze
magnaraty anao le nahazo ahy." [4]Fa ndra ino ino voasoratre taloha le voasoratre ho fagnanara antika, mba amity
alala ty fiareta vaho amity alala ty fagnamafea ty Soratre Masy ro hanagnantika toky.[5]Naho ty Zagnahare ty
fahareta vaho fagnamafea anie hagnomea say mitovy hoahy ty kirai-kiraike iaby arake Kirisity Jesosy. [6]Ie anie
hanao zay mba ho amity say raike vaho amity vava raike avao ro hiantsanao an'Agnahare vaho Rae ty
Tompontika Jesosy Kirisity. [7]Laha zao mifandraesa, manahake ty nadraesa Kirisity anareo avao kea aza, ho
fiantsa an'Agnahare.[8]Fa rehafeko fa Kirisity le fa lasa mpanompo ty voasavatre hoahy hamarean'Agnahare, mba
hahafaha magnamare reo fampagnategna ze namea reo rae, [9]naho hoahy reo Jentilisa mba hagnomean-kasy
an'Agnahare naho ty fandeferane. Zay le arake ty le fa voasoratre ty hoe:" Laha zao le hagnomea fiantsa Anao eo
amity Jentilisa Raho naho hihira antsa ty agnaranao."[10]Mboe voarehake zisikagne ty hoe:"Mifalea, miarake amity
vahoakene, ry Jentilisa." [11]Naho kea ty hoe:" Antsao ty Tompo, ry Jentilisa iaby; engao ty ndaty iaby hiantsa
Aze."[12]Hoe ndraike, Isaia ty hoe:"Hisy tahone ty Jese, naho ty raike ze hitsanga handily eo amity Jentilisa. Hana
fatokisa amine reo Jentilisa."[13]Naho ty Zagnahare ty fatokisa anie hamneo anareo amity hafalea vaho fiadagna
iaby amity finoa, mba ho lako fatokisa nareo, bakamity here ty Fagnahy Masy.[14]Ty vatako zao avao kea le rese-
lahatre ty miomba anareo, ry rahalahy. Rese lahatre raho fa nareo avao kea le lako hasoa, lako ty fahaia iaby.
Rese lahatre raho fa nareo avao kea le afake mifagnanatre.[15]Fa manoratre ampahasahia aminareo raho miomba
reo zaka ilane mba hampitiarove anareo ndraike, naho ty fagnomeam-pahasoava ze nomean'Agnahare ahy. [16]Ze
fagnomeam-pahasoava zay le ty tokone mba hanompoako Kirisity Jesosy nalefa tagne Jentilisa, mba hanolotre
hoe ty soro ty talily soan'Agnahare. Tokone hataoko zay mba ho azo enkene ty fagnate reo Jentilisa, voatoka ty
Fagnahy Masy.[17]Laha zao ty hafaleako le ao amy Kirisity Jesosy vaho reo zakan'Agnahare. [18]Fa tsy hahasahy
hirehake ndra ino ino laha tsy reo zaka vita Kirisity tamity alalako hoahy ty fagnenkea reo Jentilisa raho. Reo
azak reo le vita tamity tsara vaho ty asa, [19]tamity here reo famantara vaho fahagaga, naho tamity here ty Fagnahy
Masy. Zay le mba bakagne Jerosalema, vaho lavi-davitre manahake i Ilyrikioma, ro hahafahako manao ty zaka-
soa Kirisity.[20]Amizay, ty fagniriako le ty hitalily ty zaka soa, fa tsy agne amize hahaia Kirisity amity agnara, mba
tsy hagnoregnako eo amize le fa nagnoregna ty hafa. [21]Zay le arake ty voasoratre ty hoe:" Tamireo ze tsy nirehafa
Aze ro hahita Aze, naho reo ze tsy naharey ro hahazo."[22]Laha zao avao kea le voasaka mateteke tsy hoagne
aminareo raho. [23]Fa henanezao, tsy mana toera amireo faritre reo sase raho, naho tao maro ro le fa nagniriako
mafe hoagne aminareo.[24]Laha zao ndra mbia mbia handehanako agne Espagna, le manantena raho ty hahita
anareo laha fa mandrio, naho herentao agne amity ombako, laha fa baka tea ty fiaraha nareo tsiela Raho. [25]Fa
henanezao hoagne Jerosalema Raho hanompo reo mpino.[26]Fa hafalea Makedonia vaho Akaia ty hanao fandraesa
anjara hoahy reo mahantra agnate ty mpino ze agne Jerosalema. [27]Eka, hafalea hoahy iereo zay, naho, mpitrosa
amine vatane iereo. Fa laha ty Jentilisa ro nizara tamity zaka masy iereo, le tokone hanompo iereo avao kea iereo
amireo zaka ara-materiele.[28]Laha zao, laha fa nataoko ze asa zao naho nagnamafe fa voarae iereo ty vokatre ze
navory, le hoagne Espaigne raho naho hitlike anareo amity lalako. [29]Haiko fa laha mbaeo aminareo raho le hilitre
amity hafenoa ty fitahia Kirisity.[30]Henanezao mandrisike anareo raho, ry rahalahy, amy Jesosy Kirisity
Tompontika, vaho amity hatea ty Fagnahy, mba hiarake hialy amiko nareo amity vavake ataonareo
amin'Agnahare hoahy. [31]Mivavaha mba ho avotre amireo ze tsy magnenke agne Jodia raho, naho mba ho enkene
reo mpino ty fanompoako hoahy Jerosalema. [32]Mivavaha mba hahaviako aminareo amin-kafalea amity
sitrampon'Agnahare, naho mba hahafahako, mahita fitofa, miarake aminareo.[33]Zagnahare ty fiadagna anie
hiomba anareo iaby. Amena.

Chapter 16

[1]Ankineko aminareo ty Foiby anabaventika, te mpanompo ty fiangona agne Kenkrea, [2]mba handraesanareo aze
ao amy Tompo. Anovo zay amity fomba soa amireo mpino, naho miatreha aze amize ndaty mete hopaiene ty
fagnampeanareo. Fa re vatane avao kea le lasa mpagnampe ty maro, naho ty vatako avao kea.[3]Manova veloma i
Prisila vaho Akoila, mpiara-miasa amiko ao amy Kirisity Jesosy, [4]ze nahafoe ty fiay iereo hoahy arofoko. Misaotre
iereo raho, naho tsy zaho avao, fa reo fiangona iaby ty Jentilisa avao kea. [5]Manova veloma ty fiangona ze ao amity
tragno iereo. Manova veloma agne amy Epaineto malalako, ty voalohamboka Asia hoahy Kirisity.[6]Manova veloma
Maria, te niasa mafe ho anareo. [7]Manova veloma i Androniko vaho Jonia, longoko marine, naho niarake-nigadra
tamiko. Malaza eo agnivo reo apositoly iereo, te tao amy Kirisity talohako avao kea. [8]Manova veloma i Ampilato,
malalako ao amy Tompo.
[10]Salamao Apela, ty saore ao amy Kirisity. Salamao reo ze ao amity tokantragno Aristobolo. [11]Manova veloma
Herodiona, longoko. Manova veloma reo ze ao amity tokantragno Narkisa, te ao amy Tompo.[13]Manova veloma i
Rofosy, te voafily tao amy Tompo, naho ty renene vaho ty reneko. [14]Manova veloma i Asynkrito, Flegona,
Hermesy, Patroba, Herma, naho reo rahaahy ze miarake amiereo.[15]Manova veloma i Filologia vaho Jolia, Nerea
vaho ty anabavene, vaho Olimpa, naho reo mpino iaby miarake amiereo. [16]Mifanova veloma amity fifagnohara
masy. Reo fiangona Kirisity iaby le manao veloma anareo.[17]Henanezao mandrisike anareo raho, ry rahalahy, mba
hidineke ty miomba reo ze mahavy ty fizara vaho ty fagnafintohina. Iereo le mihoatre lavitre ty fagnanara ze
niraesenareo. Midisoa lavitre iereo. [18]Fa tsy manompo Kirisity Tompontika ty ndaty hoe rey, fa ty trone raike
avao. Amity tsara maleme vaho mitsiriry ro amitaha iereo ty arofo ty tsy manan-tsiny.[19]Fa ty ohanareo amity
fagnenkea le tafita agne amity kirai-kiraike. Laha zao, fale raho, ty aminareo, fa teako mba ho mare amize soa
nareo, naho tsy hanan-tsiny amize raty. [20]Zagnahare ty fiadagna hanorotoro ty Satana eo ambane tombonareo
afake andro kele. Ho aminareo anie ty hasoava ty Tompontika Jesosy Kirisity.[21]Timoty, mpiara-miasa amiko, le
manao veloma anareo, vaho Losio, Jasona naho Sosipatro, longoko. [22]Zaho, Tertio, ty nanoratre ty epistily toy, le
manao veloma anareo ao amy Tompo.[23]Gaio, ty mpampiatragno ahy vaho ty fiangona iaby, le manao veloma
anareo. Erasto, mpitam-bola ao amity tana, le manao veloma anareo, miarake amy Koarto ty rahalahy.
[24](Fagnamarea:Ty fandika taloha soa vatane le magnafake ty andinene toy. (Henteo ty Romana 16:20). and 24:" Ho
aminareo iaby anie ty hasoava ty Tompontika Jesosy Kirisity. Amena.")[25]Naho ty hasy le ho Aze ze mahavita
mampitsanga anareo arake ty zaka-soako vaho ty talily i Jesosy Kirisity, arake ty fagnambara ty misitery ze nitane
ho tsiambaratelo ela bey taloha agne, [26]Kanefa nambara henanezao, naho tamity alala ty boke ty famisavisa ro
nampahafantare tamity firene iaby, arake ty lilin'Agnahare zisikagne, ho fagnenkea ty finoa.[27]Hoahy ty Zagnahare
toka ty hamarea, anie ty hasy zisikagne, amity alala Jesosy Kirisity. Amena.

# 1 Corinthians

Chapter 1

[1]Paoly, Kinaike ndre Jesosy Kristy soa ho Apostoly noho ty tea ty Andragnahare naho Soetena rahalahintika, [2]ho
ahy ty fiangona ty Andragnahare ao Korinto ho ahy rep ze nihamasigne tao amy ty ndre Kristy Jesosy, ze vokaike
ho ndaty masy. Manoratse hoahy reo iaby ze mikaike ty agnara ndre Jesosy Kristy Tompontika amy ty toera iaby
avao kea zahay, le Tompo iareo naho antika. [3]Ho aminareo vatane ty fahasoava naho ty fiadagna bak'amy ty
Andragnahare Raentika naho Jesosy Kristy Tompo.[4]Raho le magnome fisaora ho ahy ty Andragnahareko ho
anarep avao noho ty Fahasoava ty Andragnahare ze nome ndre Jesosy Kristy anareo,. [5]Nataone nanam-panagna
tamy ty fomba iaby nareo, tamy fiteney iaby naho ty fahaiza iaby, [6]laha vao voaporofo teo aminareo te to ty
fagnamabara mikasike ahy ndre Kristy.[7]Noho zay nareo le tsy sahira fagnomezam-pahasoava eo ampandignasa
mafe fagnambara ahy ndre Jesosy Kristy Tompontika. [8]Reke avao kea le hampahere anareo hatramy ty farane,
soa tsy hisy tsikone nareo amy ty andro ndre Jesosy Kristy Tompontika. [9]Mahatoke Andragnahare, ze nikaike
anareo ho amy ty firaisa amy ty Anandahine, Jesosy Kristy Tompontika.[10]Henane zao le mampirisike anareo raho,
rahalahy, amy ty agnara ndre Jesosy Kristy Tompontika, soa hifagnarake nareo iaby, vaho tsy hisy fisaraha eo
aminareo. Mampirisike raho soa hihiro amy ty say mitove naho tanjogne mitove nareo. [11] Te fa natao mazava
tamiko, rahalahy, tamy ty alala ty vahoake ndre Kloe te msy tindritindry eo aminareo.[12]Ty teako ambara le zao: Ty
kiraikirake aminareo sambe manao tihoe: "Raho miarake amy ndre Paoly," na "Raho miarake amy ndre Apolosy,"
na "Raho miarake amy ndre Kristy." [13]Voazarazara vao Kristy? Paoly vao ro nifintsihy ho anareo? Tamy ty agnara
ndre Paoly vao ro nanaova batisa nareo?[14]Misoatra ahy ty Andragnahare raho te tsy nisy nataoko batisa nareo

ankoatsy Krispo naho Gaio. [15]Zay le soa tsy hahazahoa na ia na ia mitsara tihoe tamy ty agnarako ro nanaova
batisa anareo. [16](Raho avao kea le nanao batisa ty hasaveregna ndre Stefanasy. Ty ankoatse zay, tsy haintso laha
nanao batisa ndaty hafa raho.)[17]Te Kristy le tsy nagnirake ahike soa hampanao batisa te hitory ty filazantsara.
Reke tsy nandefa ahike hitory amy ty teny ty fahendrea ty ndaty, soa tsy ho rava ty here hazofijalea ndre Kristy.
[18]Te ty hafatse mikasike ty hetae fijalea le fahadala amy reo ze ho mate. te ao amy reo ze ho vonje ty
Andragnahare kea, le here ty Andragnahare zay. [19]Te voasoratse tihoe: "Ho potehiko ty fahendrea ty hendre. Ho
ravako ty fahaiza ty mahay."[20]Aia ty ndaty hendre? Aia ty manam-pahaoza? Aia ty mpialy hevitse ahy zao tontolo
zao? Nao tsy navalike ty Andragnahare ho fahadala vao ty fahendrea zao tontolo zao? [21]Satria tsy nahay ahy ty
Andragnahare zao tontolo zao tao amy ty fahendreane. le tsy tea ty Andragnahare ty hanarombake reo ze
matokje amy ty alala ty fahadala ty fitoria.[22]Te reo Jiosy le mangatake famantara mahavere vaho reo Grika
mikaroke fahendrea. [23]Te zahay mitory ahy ndre Kristy voafantsike, ze vato fahalavoa ho ahy reo Jiopsy vaho
fahadala ho ahy reo Grika.[24]Te ho ahy reo ze kinay ty Andragnahare, reo Jiosy naho reo Grika, le mitory ahy ndre
Kristy manahake ty here naho fahendrea ty Andragnahare zahay. [25]Ty fahadala ty Andragnahare le hendre noho
ty ndaty, vaho ty fahalemea ty Andragnahare le matanjake noho ty ndaty.[26]Savirio ty fikaiha anareo, rahalahy. tsy
maro taminareo ro hendre laha ty amy ty maha ndaty. tsy maro taminareo ro nahere. tsy maro taminareo ro
ambone Firazagna. [27]Te Andragnahare le nifile reo raraha adala zao tontolo zao soa hampahasalatse ty hendre.
Andragnahare le nifily ze maleme eo amy zao tontolo zao soa hampahasalatse ze matanjake.[28]Andragnahare le
nifile ze ambane naho hamavoy eto amy zao tontolo zao. na Reke kea le nifile reo raraha ze nihevery ho tsy misy
dukane, soa hahaavy tsy misy dikane reo raraha ze atao ho manan-danja. [29]Nataone zay soa tsy hisy hana antone
hirehareha eo agnaterahane.[30]Noho ty natao ty Andragnahare, henane zao nareo le ao amy ndre Kristy Jesosy, ze
lasa fahendrea ho antika bak'amy ty Andragnahare. Reke le lasa fahamarignantika, fahamasignantika vaho
fahafahantika. [31]Vokatsy zay, arake ze voatilily ty Soratse Masy tihoe: "Lonike ze mirehareha, hirehareha ao amy
ty Tompo."

Chapter 2

[1]Lafa nandeha eo aminareo raho, rahalahy, le tsy avy niarake tamy lahateny na fahandrea laha nagnambara ty
misitery mikasike ty Andragnahare. [fagnamariha: Ty dika-teny maro hafa le mivake manahake zao tihoe: "Laha
nagnambara ty fitsangana vavolombelo mikasike ty Andragnahare raho."] [2]Te nanapa-kevitse tsy hahay na ino na
ino raho lafa teo aminareo, ankoatsy Jesosy Kristy, naho Reke voafantsike.[3]Vaho niarake taminareo raho teo amy
ty fahalemea, naho teo amy ty tahotse, vaho teo amy ty titike bey. [4]Vaho ty hafatsiko naho ty fagnamabarako le tsy
tamy ty tsara fandresen-dahatse ty fahendrea. Te kea, reo le tamy ty fanehoa ty fagnahy naho here, [5]soa tsy ho ao
amy ty fahendrea ty ndaty ty finoanareo, te ao amy ty here ty Andragnahare.[6]Henanezao le mirehake fahendrea
eo amy reo matotse tika, te tsy ty fahendrea zao tontolo zao, na ty ahy reo mpanapake zao vanignandro zao, ze
mandalo avao. [7]Te kea, mitalily ty fahendrea Andragnahare amy ty fahamarigne mivone tika, iaze fahendrea
mivone ze nitendre ty Andragnahare miaolo taolo reo vanignandro iaby ho asintika.[8]Tsy nisy tamy reo
mpanapake zao andro zao ro nahay io fahendrea io, te laha nahatakatse zay iareo tamy zay fotoa zay, le tsy ho
nifantsihy iareo iazy Tompo ty asy. [9]Te arake ze voasoratse tihoe: "Reo raraha ze tsy nisy maso nahisake , tsy nisy
sofe nahare, tsy nisy eritseritse nahazo an-tsay, rei raraha ze nomagny ty Andragnahare ho ahy reo tea Aze."[10]Reo
ro raraha naaseho ty Andragnahare taminay tamy ty alala ty Fagnhy. Te ty Fagnahy le mipay ty rarah iaby, na le
reo raraha lalike ty Andragnahare kea. [11]Te ia ro mahay ty fisaigna ty ndaty raeke ankoatse ty fagnahy ty ndaty ao
amine? Arake zay kea, tsy misy mahay reo raraha lalike Ty Andragnahare ankoatse ty Fagnahy ty Andragnahare.
[12]Te tsy nandrambe ty fagnhy zao tontolo zao tika, te ty Fagnahy ze bak'amy ty Andragnahare, soa hazahoantika
mahay reo zaka omea antika maimaimpoa bak'amy ty Andragnahare. [13]Mitsara mikasike reo raraha repo amy ty
tsara ze tsy hay ty fahendrea ty ndaty ampianare zahay, te zay ampianare ty Fagnahy anay. Ty Fagnahy ro
mandika ty tsara ara-pagnahy miarake amy ty fahendrea ara-pagnahy.[14]Ty ndaty ze tsy ara-pagnahy le tsy
mandrambe reo raraha ze ahy ty Fagnahy ty Andragnahare, satria fahadala amine regny. Tsy afake mahay ahy
regny reke satria famantara ara-pagnahy regny. [15]Ze ara-pagnahy le mitsara ty raraha iaby, te tsy ihara ty fitsara
ty hafa reke. [16]" Te ia ro afake mahay ty fisaigna ty Tompo, ro ho afake hampianatse Aze?" Te zahay le mana ty
fisaigna ndre Kristy.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Vaho raho, rahalahy, le tsy afake nitsara taminareo manahake ty ndaty ze ara-pagnahy, te kea manahake ty
ndaty ara-nofotse, manaha ty ajajakele ao amy ndre Kristy. [2]Nifahanako ronono nareo, te tsy venten-kane, satria
tsy nioma tamy zay nareo; vaho na henanezao kea le mboe tsy nioma amy zay nareo.[3]Satria nareo mboe arake ty
nofotse. Te na aia misy farahy naho fifamalea eo aminareo, le tsy miaigne arake ty nofotse vao nareo, vaho tsy
mandeha amy ty fenitse ty ndaty? [4]Te lafa misy raeke mitsara tihoe: "Raho magnarake ahy ndre Paoly," vaho ty
raeke mitsara tihoe: "Raho magnarake ahy ndre Apolosy," le tsy miaigne manahake ty ndaty avao vao nareo? [5]Ia
vao Apolosy? Vao ia Paoly? Mpiasa ze tamy ty alalane ro ninoanareo, ze nome ty Tompo asa iaby.[6]Raho ro
nambole, Apolosy ro nanondrake, te Andragnahare ro nampitombo. [7]Ke noho zay, na reke ze mambole na reke ze
manondrake le tsy misy dikane. Te Andragnahare ro mampitombo[8]Vaho re ze mambole naho re ze manondrake
le raeke, vaho ty kiraikiraike le sambe hahazo ty karamane iaby arake ty asane. [9]Te zahay le mpiara-miasa amy ty
Andragnahare. Nareo le baibo ty Andragnahare, naho ajomba ty Andragnahare.[10]Arake ty fahasoava ty
Andragnahare ze nomea ahike manahake ty mpamboatse tragno mahay, le nametrake ty fototse raho vaho hafa
ro magnore eo ambonine. Te lonike ty lehilahy kiraikiraike hitao ty amy ty fomba hagnoregnane eo amy zay. [11]Te
tsy misy ndaty mametrake fototse ankoatse iaze raeke ze napetrake, zay tihoe, Jesosy kristy.[12]Henane zao laha
misy ndaty magnory eo ambone ty fototse amy ty volamena, volafote, vato lafofile, hetae, akata, na mololo, [13]le
hamboake ty asane, te ty andro mazava ro hampiseho zay. Satria haeso amy ty afo zay. Ty afo ro hitsipa ty hasoa
ty natao ty kiraikiraike.[14]Laha mitoetse ty asa iaze ndaty, le hahazo valeso reke; [15]te laha may ty asa iaze ndaty, le
ho fatiantoke reke, te reke vatane le ho vonje, manahake ty nitioke tamy ty afo avao.[16]Tsy hainareo vao te nareo le
tempole ty Andragnahare vaho ty Fagnahy ty Andragnahare ro mitoetse ao aminareo? [17]Laha misy ndaty
manimba ty tempoly ty Andragnahare, le hanimba zay ndaty zay Andragnahare. Te masy ty tempoly ty
Andragnahare, vaho manahake zay kea nareo.[18]Ko Apoke hisy ndaty hamita-bata. Laha misy ndaty eo aminareo
mihevitse te hendre reke amy zao vanem-potoa zao, apoho re ho lasa "adala" amy zay soa mete ho lasa hendre
reke. [19]Te ty fahendrea zao tontolo zao le fahadala eo amy ty Andragnahare. Satria voasoratse tihoe: "Nahazo ty
hendre tao amy ty hafetse iareo Reke." [20]Vaho kea tihoe: "Ty Tompo le mahay te ty fihevitsy ty hendre le zaka-
foa."[21]Noho zay tsy misy fibohaboha mikasike ty ndaty sase! Te ty zaka-iaby le nareo, [22]Na Paoly, na Apolosy, na
Kefasy, na zao tontolo, na fiaigna, na fahafatesa, na raraha henanezao, na raraha ho avy. ty zaka-iaby le nareo,
[23]vaho nareo le ahy ndre Kristy, vaho Kristy le ahy ty Andragnahare.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Manahake zao ro tokone handrambesa ty ndaty antika, manahake ty mpiasa ndre Kristy vaho mpiambe reo
mistery ty Andragnahare. [2]Amy zay fifandraisa zay, le fepetra taky amy reo mpiambe ty maha-maeva-pitokia
aiereo.[3]Te amiko le raraha kele le kele ty tokone hitsaranareo na hitsara ndaty iaby ahike. Te na raho kea tsy
mitsara ty vatako. [4]Raho le tsy mahay ze fitajha natao tamiko, te zay le tsy midika te tsy misy tsikone raho. Ty
Tompo ro mitsara ahike.[5]Noho zay, ko manogno fitsara mikasike ty raraha iaby mialoha ty fotoa, mialoha ty
hiavia ty Tompo. Re le handay reo zakamivone ty ike ho amy ty fahazava vaho hampiseho ty fikasa ty arofo.
bak'eo ty kiraikiraike iaby le handrambe ty fiantsane iaby amy ty Andragnahare.[6]Henanezao, rahalahy,
nampiahatra reo fitsipike reo tamiko naho tamy ndre Apolosy raho noho ty aminareo, soa hafanareo mianatse
bak'aminay ty dika ty firehafa tihoe: "Ko mandeha mihoatse ze voasoratse." Zay le soa tsy hisy raeke aminareo
hirehareha ty amy ty fitea ty raeke noho ty hafa. [7]Te ia ro mahisake fahasamihafa eo aminareo naho reo hafa?
Ino ro anagnanareo le tsy nirambisinareo maimaimpoa? Laha nandrambe zay maimaimpoa nareo, nanao akore
nareo ro mandeha manahake ty tsy namboatse manahake zay?[8]Fa anagnanareo iaby ze zaka mpaiavinareo! Fa
lasa mpagnarivo nareo! Vaho fa nanomboke najaka nareo__vaho zay le tsy bak'aminay! Raho le magniry vatagne
ty nanjakanareo, soa hahazahoanay manjaka miarake aminareo. [9]Te raho le misafiry te Andragnahare le
nametrake antika ho apostole mibaribary manahake ty farane amy ty lahara manahake ty ndaty voaheloke ho
mate. Zahay le lsa fampisehoa ho ahy zao tontlo zao__ho ahy reo anjele, vaho ty ho ahy ty ndaty.[10]Zahay le biloka
noho ty amy Kristy, te nareo le hendre ao amy Kristy. Maleme zahay, te nareo mahere. Nareo le nomen-kasy, te
zahay kea tsy nafaham-baraka. [11]Zisike henane zao zahay le kere naho tahinondrano, mijale fisikina, voapofoke
mafe, vaho tsy manan-kitsoloha.[12]Miasa mafe zahay, miasa amy ty alala ty tagnanay avao. Lafa vasohy zahay, le
miaritse. [13] Lafa henjehy zahay, le mitsi-pirano. Lafa voaseresere zahay, le mitsara amin-kasoam-pagnahy. Zahay
le niova, vaho mboe raise ho loto zao tontolo zao naho ty akata ty raraha iaby.[14]Raho le tsy nanoratse reo raraha
reo soa hahamegnatse anareo, te magnitse anareo manahake ty anake teako. [15]Te na mana mpiambe rae ale ao
amy Kristy kea nareo, le tsy mana rae maro bey. Te raho le lasa raenareo ao amy Kristy Jesosy tamy ty alala ty
filantsara. [16]Noho zay le mampirisike anareo raho soa ho mpaka-tahake ahike.[17]Zay ro nandefasako anareo ahy
ndre Timoty, anake malalako sade matoke ao amy ty Tompo. Reke le hampahatiaro anareo reo lalako ao amy
Kristy, manahake ty ampianarako aiereo na aia na aia naho ao amy ty fiangona iaby. [18]Henane zaop le lasa miavo
ty ilane aminareo, manao manahake ty tihoe tsy ho avy agne aminareo raho.[19]Te ho avy tsy ho ela agne aminareo
raho, laha tea ty Tompo. Vaho tsy hahay ty resagnyb reo ze vatagne miavo avao raho,te hahisake ty here iareo.
[20]Satria ty fanjaka ty Andragnahare le tsy mifototse amy ty rehake te amy ty here. [21]Ino ro mpaiavinareo? Tokone
ho avy agne aminareo miarake amy ty ratsaketae vao raho sa miarake amy ty fitiava feno halemem-pagnahe?

Chapter 5

[1]Zahay le nahajanje tatitse te misy fijangajanga eo aminareo, karaza fitondran-tegna tsy mandreke ze tsy azo atao
eo amy rep Jentilisa. Ty tatitse le manao tihoe misy raeke aminareo miara-matore amy ty valen-draene. [2]Nareo le
vatane miavognavo! Te tsy tokone alahelo vao nareo? Ty rake ze nanao zay le tsy maintse alà eto aminareo.[3]Te na
tsy eo ara-bata raho te mboe eo ara-pagnahy, le fa nitsara iaze raeke ze nanao zay , manahake tihoe teo raho.
[4]Lafa miara-mivore amy ty agnara ndre Jesosy Tompontika nareo, vaho ty fagnahiko le eo oa amy ty here ndre
Jesosy Tompontika fa nitsara io ndaty io avao raho. [5]Nataoko zay soa hagnome zay lehilahy zay ho ahy ty Satana
ho famoteha ty nofotse, soa ho vaosarombake ty fagnahine amy ty andro ty Tompo.[6]Tsy soa ty fireharehanareo!
Tsy hainareo vao te ty lalivay kele le magnova ty mofo iaby? [7]Liovo ty vatagnareo amy ty lalivay taloha soa ho avy
mofo vaovao nareo, le soa ho avy mofo tsy misy lalivay. Te Kristy, iaze Ana ty aondrintika tamy ty Paska, le natao
soro. [8]Noho zay le lonike tika hankalaza ty firavoravoa, tsy amy ty lalivay taloha, iaze lalivay ty fitondran-tegna
rate naho faharatia. Te kea, lonike tika hankalaza. Te kea, lonike tika hankalaza amy ty mofo tsy misy lalivae ty
fahaliova ty arofo naho fahamarigna.[9]Raho le nanoratse ho anareo tao amy ty taratasiko soa tsy hiarahanareo
miasa amy reo ndaty mpijangajanga. [10]Feie ty teako ambara le tsy ty ndaty mpijangajanga iaby eto amy zao
tontolo zao, na reo tsy mafehin-tegna, na reo mpisoloke, na reo mpanompo sampe, satria soa hiala amy iareo le
mila miala amy zao tontolo zao nareo.[11]Feie henane zao raho manoratse ho anareo soa tsy hiara-hiasa miarake
amy ia na ia ze kinaike tihoe rahalahy feie miay ao ampo ty fijangajanga, na ze tsy mafehim-tegna, na mpiasa
sampe, na mpitsara rate, na mpimamo, na mpisoloke. Ko mihina mahatajake miarake amy ty ndaty manahake
zay zao. [12]Te nanao akore ro izilihako amy ty fitsara reo ze agne ambalike ty fiangona? Mifanohitse amy zay,
nareo vao tsy tokone hitsara reo ze ao ampo ty fiangona? [13]Te Andragnahare le mitsara reo ze agne ambalike.
"Afaho eo aminareo ty ndaty rate."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

[1]Lafa misy raeke aminareo mana aly aminareo hafa, mahasake handeha agne amy ty fitsara eo agnatreha ty
mpitsara tsy mpino vao reke, te tsyu eo agnatreha reo mpino? [2]Nao tsy hainareo vao te reo mpino ro hitsara ahy
zao tontolo zao, nao tsy mahavita mandamy raraha malinike vao narep? [3]nao tsy hainareo vao te hitsara reo
anjele tika? Manahake ty manao akore, noho zay, ty fihoara ty fahafafahanttika mitsara reo raraha amy toy fiaigna
toy?[4]Laha ohatsy kea le afake mitsara ty raraha ze miseho amy ty andavanandrom-piaigna riha, nanao akore riha
ro mametrake karaza tranga manahake zay eo agnatrha reo ze tsy dikane ao amy ty fiangona?[5] Hahamegnatse
nareo ro hitaliliako zay. Nao vao tsy soa misy ampe fahendrea na raeke avao kea eo aminareo handame aleale eo
amy ty mpirahalahy? [6]Te kea, misy mpino hafa eo amy ty fitsara, vaho zay raraha zay le tsy hapetrake eo
agnatreha ty mpitsara ze tsy mpino![7]Ty fisia ty ale eo aminareo Kristiana iaby le fa faharese ho anareo. Te tsy
aleo vao mijale amy ty fahadisoa? Te tsy aleo vao apoke ho voafitake ty vatanareo? [8]Te nareo le nandiso naho
namitake reo hafa, vaho le rahalahinareo avao iareo![9]Nao tsy hainareo te ty tsy to le tsy handova ty Fanjaka ty
Andragnahare? Ko matoke vande. Reo vetaveta, reo mpanompo sampe, reo mpijangajanga, reo lehilahy mpivaro-
bata, reo miara-mandre amy ty sambe lehilahy, [10]reo mpangalatse, reo mpagnaratse,, reo tsy mahay mionona, reo
mpimamo, reo mpagnarats, reo mpanao an-kerene__tsy misy raeke amy iareo handova ty fanjaka ty
andragnahare. [11]Manahake zay ty ilane aminareo. Te fa voalio nareo, nihamasigne nareo, vaho voamarina teo
amy ty Andragnahare nareo tamy ty tahina ty Tompo Kristy naho tamy ty fagnahy ty Andragnaharetika.[12]"Ty
raraha iaby le ara-dalàgna amiko," te tsy ty zaka iaby ro mahasoa. "Ty raraha iaby le ara-dalàgna amiko," te tsy ho
andevoze ty raeke amy reo raho . [13]"ty hane le ho ahy ty kibo, vaho ty kibo nato ho ahy ty hane," te Andragnahare
le handrava aze roe reo. Ty vata le tsy natao ho ahy ty fijangajanga. Te kea, ty vata le natao ho ahy ty Tompo, vaho
ty Tompo le hagnome ho ahy ty vata.[14]Andragnahare le nampitsanga ty Tompo naho hananga antika amy ty
herene kea. [15]Nao tsy hainareo vao te ty vatanareo le rantsam-bata ndre Kristy? Le handesiko vao zay reo
rantsam-bata ndre Kristy vaho hampiray aiereo amy ty mpivaro-tegna? Tsy hisy vatagne zay![16]Nao tsy hainareo
vao te ze miarake amy ty mpivaro-tegna le lasa nofotse raike amine? Manahake ty voatalily ty Soratse Masy tihoe:
"Ho nofotse raeke avao iareo roe." [17]Te reke ze miarake amy ty Tompo le lasa fagnahy raeke Amine.[18]Hialao ty
fijangajanga! Ty haratia iaby hafa ze atao ty ndaty le ambalike ty vata, te ty ndaty mpijangajanga le manao rate
ho amy ty vatane avao.[19]Nao tsy hainareo vao te ty vatagnareo le tempoly ty Fagnahy Masy, ze mitoboke ao
amponareo, ze azonareo bak'amy ty Andragnahare? Nao tsy hainareo vao tsy anareo ty vatanareo? [20]Te ndaty
voafile nareo. Noho zay le mankalazà ahy ty Andragnahare amy ty vatanareo. [fagnamariha: Reo dika-teny taloha
ilane le mivake manahake zao: "Noho zay mankalazà ahy ty Andragnahare amy ty vatanareo naho amy ty
fagnahinareo, ze ahy ty Andragnahare." Te ty dika-teny soa loatse le tsy mivake manahake anio.]


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 7

[1]Vaho mikasike reo olagne ze nisoratinareo mikasike tihoe: "Soa ho ahy ty lehilahy ty tsy mikasike ampela." [2]Feie
noho reo fakam-pagnahy amy ty fahavetaveta maro san-karazane, le tokone hana ty valine manoka iaby ty
lehilahy kiraikiraike, vaho ty ampela kiraikiraike le tokone hana ty valine manoka iaby.[3]Ty lehilahy le tokone
hagnome reo zo ara-panambalia ho ahy ty valine, vaho manahake zay kea ty ampela ho ahy ty valine. [4]Tsy ty
ampela ro mana fahefa amy ty vatane arere, te ty valine. manahake zay kea, tsy ty lehilahy ro mana fahefa amy
ty vatane arere, te ty ampela ro mana.[5]Ko mifanakatsaka nareo kiraikiraike, ankoatsy amy ty fifagnaraha
nifanaova vaho amy ty fotoa voatoka. Ataovo zay soa hahazahoanareo manokan-tegna amy ty vavake. Bak'eo le
tokone hiara-hatory ndraeke nareo, soa tsy hafaha ty satana mangalake fagnahy anareo noho ty tsy
fanagnanareo fifehezan-tegna. [6]Feie raho le mitalily reo raraha reo aminareo am-pahalalaha te tsy lily zao.[7] Iriko
ty ndaty iaby hanahake ahike. te kiraikiraike le sambe mana ty fagnomezam-pahasoavane manoka iaby amy ty
Andragnahare. Ty raeke mana toy karazam-pagnomezam-pahasoava toy, vaho ty raeke hafa mana karazane hafa
kea.[8]Ho ahy reo ze tsy manambale naho reo vatotse le mitsara raho te soa hoa aze reo laha mijano tsy
manambale iareo, manahake ahike. [9]Feie iareo laha tsy afake mamehy tegna, le tokone hanambale. Satria soa
vatagne ho iareo ty manambale toy zay ampirehety ty filà ara-nofotse.[10]Vaho ho ahy reo ze manambale le
magnome zao lily zao raho__tsy raho, te ty Tompo__ty ampela le tsy tokone hisarake amy ty valine, [11](te laha
ohatse reke misarake amy ty valine, le tokone hhijano tsy hanamabale na kea mimpoly milongo amy ty
valine)__vaho ty lehilahy le tsy tokone hisake amy ty valine.[12]Te ho ahy ty sisa le mitalily raho__raho, te tsy ty
Tompo__tihoe laha misy rahalahy raeke mana vale tsy mpino, vaho laha mahafale aze ty miarake miaigne amine,
le tsy tokone hisarake amy ty valine reke. [13]Laha ty ampela raeke ro mana vale tsy mpino, vaho laha mahafale aze
ty miarake miaigne amine, le tsy tokone hisarake amy ty valine reke. [14]Satria tsy lehilahy tsy mpino le natoka
noho ty amy ty valine, vaho ty ampela tsy mpino le natoka noho ty amy ty rahalahe. Te laha tsy zay le ho maloto
ty anagnareo, feie laha tsy to le fa voatoka iareo.[15]Te laha ty vale tsy kristiana ro magnenga, apoho reke handeha.
Amy ty toe-jaka manahake zay, ty rahalahy na ty rahavave le tsy voafatotse reo voade iareo. Andragnahare le
nikaike antika soa hiaigne am-piadagna. [16]Te amy ty fomba manao akore ro ahizanao, ampela, laha ho
voasarombakao ty valinao? Na amy ty fomba manao akore ahizanao, lehilahy, laha ho voasarombakao ty
valinao?[17]Te ampoho avao ty kiraikiraike baka hivelo ty fiaigna ze fa nanendre ty Tompo aze, vaho arake ty fa
nikaiha ty Andragnahare aze. Io ro fitsipiko ao amy ty fiangona iaby. [18]Fa vita tapake vao ty ndaty raeke lafa
kinaike soa hatoke? Reke le tsy tokone hiezake ty hiboaboake manahake ty tsy vita tapake. Tsy vita tapake vao ty
ndaty raeke lafa kinaike ho amy ty finoa? Tsy tokone ho tapahy reke. [19]Satria tsy ty fanapaha na tsy fanapaha ro
zaka-bey. Ty zaka-bey le ty fagnina reo lily ty Andragnahare.[20]Ty kiraikiraike iaby le tsy tokone hijano amy tyy
fikaiha ze nisy aze lafa amy ty fikaiha ze nisy aze lafa kinay ty Andragnahare soa hino reke. [21]Andevo vao riha
nanomboke Andragnahare nikaike anao? Ko misalasala ty amy zay. Te laha mete ho afake riha, le araraoto zay.
[22]Satria ty ndaty raeke ze kinay ty Tompo ho andevo le ndaty afake ty Tompo. Manahake zay kea ty ndaty ze afake
nanomboke reke nikaike soa hatoke le andevo ndre Kristy. [23]Nareo le voavile, noho zay le ko avy manahake reo
andevo ty ndaty. [24]Rahalahy, na ino na ino fiaigna nisy antika kiraikiraike nanomboke tika kinaike soa hatoke, le
lonike tika hijano hanahake zay.[25]Vao mikasike reo ze tsy nanambale zao, raho le tsy mana lily bakagne amy ty
Tompo. Feie raho le magnome ty hevitsiko manahake ty raeke ze amy ty alala ty famindram-po ty Tompo, le
maeva-pitokisa. [26]Noho zay, mieritseritse raho te noho ty loza ze ho ave, le soa ho ahy ty lehilahy ty mijano amy ty
maha re aze.[27]Voarohy amy ty ampela vao nareo? ko mipay ty ho afake amine. Afake amy ty valinao vao riha? Ko
mipay vale. Feie laha manambale nareo, le tsy nanao rate. [28]Laha ty ampela tsy manambale ro manambale, le tsy
nanao rate reke. Feie reo ze manambale le hana karaza ty olagna maro laha mboe velo, vaho raho le te hangalake
anareo amy zay.[29]Te zao ro talilieko, rahalahy: Fohike ty fotoa. Manomboke zao, aleo reo ze famanambale hiaigne
manahake ty tsy mana. [30]Reo ze mitomagne le tokone hanao hanahake ty tsy mitomagne, reo ze mifale hanahake
ty tsy mifale, vao reo ze mivily hanahake ty tsy mana na ino na ino; [31]vaho reo ze mampiasa zao tontolo zao le tsy
tokone hanao manahake ty mampiasa zay tanterake. Satria zao tontolo zao amy ty tarehine henane zao le ho avy
amy ty fiafara.[32]Teako nareo ho afake amy reo fisalasala. Ty lehilahy tsy manambale le misalasala ty amy reo
raraha ty Tompo, ty amy ty fomba hampifalea Aze. [33]Te ty lehilahy manambale le misalasala ty amy ty raraha zao
tontolo zao, ty amy ty fomba hampifalea ty valine__ [34]mizarazara reke. Ty ampela tsy manambale na tsy
mahasaky lahy le misalasala ty amy ty raraha ty Tompo, ty amy ty fomba hanokana amy ty vata naho fagnahy. Te
ty ampela manambale le misalasala ty amy ty raraha zao tontolo zao, ty amy ty fomba hampifalea ty valine.
[35]Ataliliko zayho ahy ty tombotsoanareo manoka, te tsy hametrake ze iaby sakantsaka eo aminareo. Mitalily zay
raho ze to, amy zay nareo soa hanolo-tegna ho ahy ty Tompo tsy misy fanelingelegna.[36]Feie laha misy ndaty raeke


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

mihavitse te tsy manday ty fofom-baline am-pagnaja__laha mihoatse ty tao ty fanambalea iaze ampela vaho tsy maintse manahaka zay__le tokone hanao ze teane reke. Tsy manao rate reke. Tokone hivale iareo. [37]Feie laha nandininke soa tao aagn'arofone reke, laha ohtsy le tsy ambane faneretere et afake mifehe ty teane manoka, vaho laha nanapa-kevitse tao agn'arone reke ty hanao zay, soa hitajaha ty fofombaline ho tsy miarake amy ndaty, le soa ty ataone. [38]Kea ze manambale ty fofombaline le manao soa, vaho ze mifile ty tsy hanambale le hanao ty soasoa.[39]Ty ampela le voarohy ty valine laha mboe velo rahalahy. Te laha mate ty valine, le malalake soa reke ty hanambale ze teane ho valy, feie ao amy ty Tompo avao. [40]Feie amy ty fitsarako le tokonne ho fale loatse re laha miay amy zai avao. Vaho hampoliko te raho avao kea le mana ty Fagnahy ry Andragnahare.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 8

1Vaho mikasike ty hane atao soro ho ahy ty sampe__haintika te: "Tika iaby le manam-pahalala." Ty fahalala
mampieboebo, te ty fitiava mampitsanga. 2Laha misy ndaty raeke midinike ty vatane te mahay raraha, le mboe
tsy mahay arake ze tokone hahaizane zay ndaty zay. 3Te laha misy ndaty raeke tea ahy ty Andragnahare, le haine
zay ndaty zay.4Kea laha ty mikasike ty fihinana mahatajake natao soro ho ahy ty sampe__le haintika te "ty sampe
eto amy zao tontolo zao le tsy misy dikane" vaho "te tsy misy Andragnahare ankoatsy raeke avao." 5Te mete misy
reo moly kinaike tihoe andrgnahare, na agne an-dagnitse na etoy an-tane, manahake ty halahiale reo
"andragnahare" naho halahiale reo "tompo."6Te ho antika, "Raeke avao ro Andragnahare le iaze Rae, ze
bak'amine ty zaka iaby, vaho Reke ro antone hivelomantika, vaho raeke ro Tompo Jesosy Kristy, ze tamy ty
alalane ro nisia ty raraha iaby, vaho tamy ty alalane ro hisiantika."7Na zay kea, zay fahaiza zay le mboe tsy ao
amy ty kiraikiraike. Te kea, ty ilane teo aloha le nampihatra ty fanompoan-tsampe, le nihina zay mahatanjake zay
manahake ty tihoe raraha natao soro ho ahy ty sampe zay. Noho zay le simba ty fieretsereta iareo satria maleme
zay.8Te tsy hane ro hagnomeza antika eo amy ty Andragnahare. te tsy rate loatse tika laha tsy mihina, na kea tihoe
soa loatse laha mihina, na kea tihoe soa loatse laha mihina zay. 9Ambeno soa tsy ty fahaizanareo ro antone
hahaave reo ndaty maleme ara-pinoa ho lavo. 10Te ataovo manahake ty tihoe misy mahisake riha, ze manam-
pahalala, mihina ty mahatajkae ao amy ty tempoly ty sampe. Tsy ty fahaleme ty fieritseretane vao ro
nahasakiane hihina ze nomea ho ahy ty sampe?11Kea noho ty fahaizanao ty toetse to mikasike ty sampe, le vere
iaze rahalahy maleme finoa raaeke, ze nahafatesa ndre Kristy. 12Noho zay, lafa manao rate amy ty rahalahinareo
nareo le mandratse ty say malemy iareo, le manao rate manohitse ahy ndre Kristy nareo. 13Noho zay, laha ty
mahatajake ro mahaavy ty rahalahiko ho lavo, le tsy hihinan-kena sase raho, soa tsy bak'amiko ro hahalavo ty
rahalahiko.

Chapter 9

1Tsy ndaty afake vao raho? Tsy apostole vao raho? tsy nahisake ahy ndre Jesosy Tompontika vao raho? Tsy asako
ao amy ty Tompo vao nareo? 2Laha tsy apostoly ho ahy ty hafa raho, le farafaharatine Apostoly ho anareo. Te
nareo ro porofo amy ty maha-apostoly ahike ao amy ty Tompo.3Zao ro fiarovako amy reo ze magnontane ahike:
4Nao zahay vao tsy mahazo alala ty hihina naho hino? 5nao zahay vao tsy mahazo manday vale ze mpino,
manahake ty atao reo apostoly ilane, naho reo rahalahy ty Tompo, vaho Kefasy? 6Sa Barnabasy naho raho arere
ro tsy maintse miasa?7Ia ro manao fanompoa miaramila amy ty fandania manoka? Ia ro mambole voaloboke
vaho tsy mihina ty voane? na ia ro miambe aondre le tsy mino ty ronono bak'amy zay? 8Nao raho vao mitalily reo
raraha reo mifototse amy ty fahefa ty ondaty? tsy mitalily zay kea vao ty lalàgna?9Te zay le voasoratse ao amy ty
lalàgna ndre Mosesy tihoe; "Ko asia fehi-vava ty aombe lafa miele voa reke." Vatane iaze aombe vatane vao ro
hisalasala ty Andragnahare? 10Tsy mirehake mikasike anay vao reke? fa nisorota ho antika, te ze miasa tane le
tokone hiasa amy ty fagnantegna, vaho ze mamofoke le tokone hamofoke amy ty fagnantegna ty hahazo anjara
amy ty vokatse. 11Laha namafe raraha ara-pagnahy teo aminareo zahay, nao bey loatse aminay vao ty
magnombotse raraha arake fitaova bak'aminareo?12Laha mampihatse zay zo zay bak'aminareo reo hafa, nao
zahay vao tsy mana mihoatse? na zay kea, tsy nitake zay zo zay zahay. Te kea, naleonay niaraitse ty raraha iaby
manahake toy ze ho saka ho ahy ty filazantsara ndre Kristy. 13Nao tsy hainareo vao te reo ze manompo ao amy ty
tempoly le mahazo ty mahatajake iareo bak'ao amy ty tempoly? Vaho nao tsy hainareo vao te reo ze manompo
egne amy alitara le mahazo anjara amy ze natao fagnatitse teo amy ty Alitara? 14manahake zay kea, ty Tompo le
nandily te reo ze mitory ty filazantsara le tokone hahazo ty fiveloma iareo bak'amy ty filazantsara.15feie tsy nitake
ty raeke tamy reo zo reo raho. Vaho tsy manoratse ahy zao raho soa mete hisy raraha hatao ho ahike. Aleoko
mate manahake zay hisy ndaty hagnafake amiko zay rehareha zay. 16Te laha mitory ty Filazantsara raho, le tsy
misy antone tokone ireharehako, satria tsy maintse manao zay raho. Vaho loza ho ahike laha tsy mitory ty
filazantsara raho!17Te laha manaozay am-pazotoa raho, le mana valisoa. Te laha tsy zotopo kea, le mboe mana ty
andraikitse ze nankine tamiko raho. 18Ino vaho zay ro valesoako? Zay le lafa matore raho, le afake magnome ty
filazantsara tsy misy fandoavam-bola le soa tsy hampiasa iaby ty zoko amy ty filazantsara.19Te na afake amy ty
iaby kea raho, le avy ho mpiasa ho ahy ty iaby, soa hahazahoako bey loatse. 20Teo amy Jiosy le lasa manahake ty
Jiosy raho, soa hahazoako ty Jiosy. Teo amy reo ze ambane ty lalàgna, le lasa manahake ty ndaty ze ambane ty
lalàgna, soa hahazahoako reo ze ambany ty lalàgna. Nanao zay raho na tsy teo ambane ty lalàgna kea ty vatako.
[Fagnamariha: Ty baiboly ULB naho Udb le mivaky tihoe: "Nanao zay raho na tsy teo ambane ty lalàgna kea ty
vatako." Ty dikan-teny taloha ilane le tsy magnisy zay.]21Tamy reo ze ambalike ty lalàgna, le manahake ty ndaty
ambalike ty lalàgna raho, na tsy amabalike ty lalàgna ty Andragnahare kea ty vatako, te ambane ty lalàgnandre
Kristy. Namboatse zay raho soa hahazahoako reo ze ambane ty lalàgna. 22Teo amy reo maleme le lasa maleme
raho, soa hahazahoako reo maleme. Avy raraha iaby ho ahy ty ndaty iaby raho, soa hamonjeako ty ilane amy ty
fomba iaby. 23Mamboatse ty raraha iaby raho ho ahy ty filazantsara, soa hahazahoako mandrambe anjara amy
reo fitahia zay.24Nao tsy hianareo vao te amy ty filailaisa raeke ty mpilailay iaby le manao ty filailaisa, feie raeke
ro mahazo loka? Kea milailaisa soa hahazo loka? Kea milailaisa soa hahazo ty loka. 25Ty atileta raike le
mampihatse ty fifehezan-tegna amy ty fagnazaran-tegnane iaby.manao zay iareo soa handrambe satro-
boninahitse ze mete simba, feie kea tika milailay soa hahazahoantika satro-boninahatse tsy mete simba. 26Le
noho zay le tsy milailay amy ty tsy misy dikane raho na mamofoko komondro amy ty tioke. 27Te feheziko ty vatako
vaho ataoko andevo, soa tsy ho lavy ty vatako lavy natory tamy ty hafa raho.

## Chapter 10

[1]Teako ho hainareo, rahalahy, te reo babantika le tao ambane ty hiboke iaby vaho namakivake ty ranomasy. [2]ty
iaby le natao batisa ho amy ndre Mosesy teo amy ty hiboke naho ta amy ty ranomasy, [3]vaho ty iaby le sambe
nihina mahatajake ty fagnahy mitove. [4]Ty iaby le nino ranom-pagnahy mitove. Te iareo le nino tam,y ty
lamelamem-pagnahy ze nagnarake aiereo, le Kristy ze lamelame zay.[5]Te Andragnahare le tsy tea ty ankamaroa
iareo, vaho ty faty iareo le naparitake tagne amy ty tane tsy raraha. [6]Henanezao regny raraha regny le ohatse ho
antika, soa tsy hagniriantika zaka rate manahake ty nipay iareo.[7]Ko manompo sampe, manahake ty ilane tamy
iareo. Zay le arake ze voasoratse tihoe: "Reo ndaty nitoboke soa hihina naho hino, vaho nitsanga soa hihisa."
[8]Lonike tika tsy hijangajanga, manahake ty natao ty maro tamy iareo. Tao agnate ty andro raeke, le nsaty teo
arivo naho roa ale ro mate noho ty amy zay.[9]Lonike avao kea tika tsy hitsapa ahy ndre Kristy, manahake ty natao
ty maro tamy iareo le narava reo menara. [10]Ko menimene avao kea, manahake ty natao ty maro tamy iareo le
narava ty anjele ty fahafatesa.[11]Vaho regny raraha regny ro niseho tamy iareo soa ho ohatse ho antika nisorata
soa ho fampianara antika regny__ho amintika ze niavia ty fara-andro. [12]Noho zay lonike ze mieritseritse ty vatane
ho fa mitsanga miamben soa tsy holavo. [13]Tsy nisy y fakam-pagnahy nahazo anareo ze tsy iraisa ty ondaty iaby. Te
kea, Andragnahare le matoke. Tsy hagnenga anareo ho alam-pagnahy mihoatse ze zakanareo Reke. Miarake amy
ty fakam-pagnahy le hagnome anareo ty lala hitsoaha avao kea Re, soa hafahanareo miariotse zay.[14]Noho zay,
malalako, milaisa lavitse ty fanompoan-tsampe. [15]Mitsara aminareo manahake ty ndaty manan-tsay raho, soa
hazahoanareo mitsara ze atililiko. [16]Ty kapoaka ty fisaora ze isaorantika, nao zay tsy fiharoa amy ty lio ndre
Kristy vao? ty mofo ze vakintika, nao zay tsy fiharoa amy ty vata ndre Kristy vao? [17]Satria raeke avao ty mofo, tika
ze maro le vata raike. Tika iaby le mandrambe amy ty mofo raeke avao.[18]Heteo reo vahoake ty Israely: Nao reo ze
mihina reo fagnatitse mpandrambe anjara eo amy ty alitara vao? [19]Ino vaho ro hotaliliko? Tihoe tsy misy dikane
vao zay ty sampe? Sa ty mahatanjake ze natao fagnatitse tamy ty sampe ro tsy misy dikane?[20]Te mirehake
mikasike ty raraha ze atao reo Jentilisa mpanompo sampe fagnatitse raho, te omea iareo ahy reo demone regny
raraha regny te tsy ahy ty Andragnahare. Tsy teako narep ho mpiharo amy ty demone! [21]Tsy afake mino ty
kapoake ty Tompo naho kapoake ty demone nareo. Tsy afake miarake eo amy ty latabatse ty Tompo naho ty
latabatsy reo demone nareo. [22]Sa manao ze mamparahy ty Tompo vao tka? Mahere noho Reke vao tika?[23]"Ty
raraha iaby le ara-dalàgna," te tsy ty raraha iaby ro mahasoa. "Ty raraha iaby le ara-dalàgna," te tsy raraha iaby
ro mampandroso ty ndaty. [24]Tsy misy tokone hipay ty tombotsoane arere. Te kea, ty kiraikiraike le tokone hipay ty
tombotsoa ty namane.[25]Afake mihina ze iaby avily egne an-tsena nareo, te ko magnontane ty fieretseretsereta. [26]Te
"Ahy ty Tompo ty tane, naho ze iaby misy eo ammine." [27]Laha misy tsy mpino mangatake anareo hitava, le
magniry ty handeha nareo, le hano ze iaby mit[28]Te laha misy mitsara aminao tihoe: "Toy mahatajake toy le
bak'amy ty fagnatitse ty mpanompo sampe," le ko mihina zay. Zay le ho ahy iaze nampahay anareo, naho ho ahy
ty fieretseretse. [Fagnamariha: Ty dikan-teny taloha ilane le mgnampe tihoe: Te ty tane naho ty raraha iaby ao
amine le ahy ty Tompo." Te ty dikan-teny soa loatse le tsy misy zay.] [29]Tsy mitsara raho tihoe ty fieretseretanao
manoka, te ty fieretsereta ty ndaty hafa. Nanao akore ty fahafahako ro tokone ho tsaray ty fieretsereta ty hafa?
[30]Laha mandrambe anjara amy ty sakafo am-pitea raho nanao akore ro tevatevay amy ze nagnomezako fisaora?
[31]Noho zay, na mhina na mino nareo, na ino na ino ataonareo le ataovo ho vonihatsy ty Andragnahare iaby. [32]Ko
magnome fanafintohigna ty Jiosy na ty Grika, na ty fiangona ty Andragnahare. [33]Miezake ty hahafale ty ndaty
iaby amy ty raraha iaby raho. Tsy mipay ty vokatsoako raho, te ty ahy ty maro. Ataoko zay soa ho voavonje iareo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 11

[1]Alao manahake raho, ohtse ahike mpangala tahake ahy ndre Kristy. [2]Vaho midera anareo raho satria mahatiaro
ahike amy ty raraha iaby nareo. Miantsa anareo raho satria mitajake mafe ty fombafomba arake ze
nagnomezako aiereo teo aminareo nareo. [3]Vaho teako ho azonareo te Kristy ro loha ty vave, vaho Andragnahare
ro loha ndre Kristy. [4]Vaho mangalake vonihahitse ty lohane reo lehilahy ze mivavake na mitoke le mifognon-
doha.[5]Te mangalake asy ty lohane reo ampela ze mivavake na mitoke tsy mifognon-doha. Ty tsy hafa vaho mitove
amy tihoe ampela magnaratse ty lohane zay. [6]Te laha tsy mifognon-doha ty ampela, le tokone tapahy ho fohike ty
volone. Laha mahamegnatse ty ampela ty manapake ty volone na magnaratse ty lohane, le lonike reke hifogno ty
lohane.[7]Te tsy tokone hifogno ty lohane ty lehikahy, satria reke ro sare ty voninahihtse ty Andragnahare.[8] Te ty
lehilahy le tsy namboare bak'amy ty ampela. Te kea, ty ampela ro namboare bak'amy ty lehilahy.[9]Te tsy misy
lehilahy niforogny ho ahy ty ampela. Te kea, ty ampela ro niforogne ho ahy lehilahy. [10]Zay ro tokone hanagna ty
ampela ty marike ty fahefa eo amy ty lohane, noho reo anjele.[11]Na zay kea, ao amy ty Tompo, tsy mahaleo-tegna
amy ty lehilahy ty ampela, na ty lehilahy mahaleo-tegna amy ty ampela. [12]Te laha bak'amy ty lehilahy ty ampela,
le ty lehilahy kea le bak'amy ty ampela. Vaho bak'amy ty Andragnahare ty zaka-iaby.[13]Tiaravo ty vatanareo: Mete
amy ty ampela vao ty mivavake amy ty Andragnahare tsy mifognon-doha? [14]Tsy ty natiora avao kea vao ro
mampianatse anareo te laha ty lehilahy ro lava volo, le hasalara ho aze zay? [15]Tsy mampianatse anareo vao ty
natiora te laha ty ampela ro lava volo, le voninahitse ho aze zay? Te nomea azety volone soa hisarogna aze. [16]Te
laha misy te-hiale hivitse amy zay, le tsy mana fampihara hafa zahay, nareo fiangona ty Andragnahare.[17]Te ampo
reo torolala magnarake, le tsy miantsa anareo raho. Te lafa miarake avy nareo, le tsy ho amy ty soa zay te ho amy
ty rate loatse. [18]Te tamy ty voalohane loatse, le henoko te lafa miarake mivory ao amy ty fiangona nareo, le misy
fizarazara eo aminareo, vaho matoky zay amy ty ampahane raho. [19]Te tsy maintse misy fiavakavaha eo aminareo,
soa ho tea eo aminareo reo ze neke.[20]Te lafa mivory nareo, le tsy ty Fagnahy ty Tompo ro hohanareo. [21]Lafa
mihina nareo, le sambe mihina ty sakafone manoka ty kiraikiraike aloha ty hitava reo hafa Kere ty raeke, vaho ty
hafa lasa mamo. [22]Tsy mana tragno itava naho inoma vao nareo? Tsy hasiandikane nareo vao ty fiangona ty
Andragnahare le hambaninareo ze tsy mana na ino na ino? Ino ro tokone ho tsaraiko aminareo? Tokone hiantsa
anareo vao raho? Tsy hiantsa anareo amy zay raho![23]Te nafahako bak'amy ty Tompo avao kea ze ampitako
anareo, te Jesosy Tompo, tamy ty halike ze namadiha Aze, nangalake mofo. [24]Lafa ba nisaotse Reke, nanapake zay
vaho nitsara tihoe: "Toy ty vatako, ze ho anareo. Ataovo zao ho fahatiarova Ahike."[25]Mitovy amy zay kea le
nirambesine ty kapoake lafa baka nitava hariva, vaho nitsara Rek tihoe: "Toy kapoake toy ro fagneke vaovao ao
amy ty lioko. Ataovo zao na ombia na ombia nareo ro mino ho fahatiarova Ahike." [26]Amy ty fotoa iaby ze
hinananareo toy mofo toy naho hinoanareo amy toy kapoake toy le magnambara ty fahatesa tyy Tompo
zisik'iaviane nareo.[27]Na ia na ia, noho zay, mihina ty mofo na mino amy ty kapoake ty Tompo amy ty fomba tsy
maeva, le ho meloke ty amy ty vata naho ty lio ty Tompo. [28]Lonike handinike ty vatane aloha ty ndaty, vaho amy
zay le lonike hihina ty mofo vaho hino amy ty kapoake re. [29]Te reke ze mihina naho mino le tsy mahay ty vatane,
le mihina naho mino fitsara ho ahy ty vatane. [30]Zay ro mahaavy tymaro aminareo ho maleme ty naho marare,
vaho ty ilane aminareo ho mate.[31]Te laha mandinen-tegna tika, le tsy ho tsaray. [32]Te lafa voatsara ty Tompo tika, le
mpanara-dalàgna, soa tsy ho voaheloke miarake amy zao tontolo zao.[33]Noho zay, rahalahiko, lafa mivory soa
hihina nareo, mifandignasa. [34]Laha misy ndaty raeke kere, lonike reke hihina agne an-tragno, amy zay lafa
mivory nareo le tsy ho amy ty fitsara zay. Vaho mahakasike reo raraha hafa ze nisoratinareo, le hagnome toro-
lala raho lafa avy.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 12

[1]Mikasike reo fagnomezam-pagnahy, Rahalahe, le tsy teako tsy ahay nareo. [2]Hainareo te laha nareo mpinompo
sampe, le voavio nandeha agne amy reo sampe Tsy manam-peo nareo, tagne amy ze lala iaby nitariha regny
anareo. [3]Noho zay teako ho hainareo te tsy ndaty ze mitsara amy ty Fagnahy ty Andragnahare afake mitsara
tihoe: "Jesosy le voaozo." Tsy misy afake mitsara tihoe: "Jeosy le Tompo," ankoatse amy ty alala ty Fagnahy Masy.
[4]Vaho misy fagnomezam-pagnahy samihafa, te Fagnahy mitovy avao. [5]Misy fanompoa samihafa, te Tompo mitovy
avao; [6]vaho misy karaza asa samihafa, te Andragnahare mitovy avao ro manao aiereo ho azo atao amy ty
kiraikiraike.[7]Vaho ho ahy ty kiraikiraike ro nomea ty fanehoa ambalike ty Fagnahy ho ahy ty tombotsoa ty iaby.
[8]Te ho ahy ty ndaty raeke le nomea bak'amy ty Fagnahy ty vata ty fahendrea, vaho ho ahy ty hafa ty tsara ty
fahalala amy ty alala ty Fagnahy mitovy avao.[9]Ho ahy ty raeke hafa le nomea ty finoa amy ty alala ty Fagnahy
mitove, vaho ho ahy ty raeke hafa reo fagnomezam-pahasoava hagnafake amy ty alala ty Fagnahy raeke. [10]Ho ahy
ty raeke hafa le nomea reo asa ty here, vaho ho ahy ty raeke hafa fitokia. Ho ahy ty raeke hafa le nomea ty
fahafaha magnavake reo fagnahy, ho ahy ty raeke hafa reo karaza tsara samihafa, vaho ho ahy ty raeke hafa ty
fandika tsara. [11]Te ty Fagnahy raeke naho mitove avao ro miasa ao amy zay iaby zay, magnome reo fagnomezam-
pagnahy ho ahy ty ndaty kiraikiraike iaby, arake ze nifiline.[12]Te satria ty vata le raike vaho mana rantsa maro vao
ty iaby le rantsa iaze vata avao, noho zay le miarake amy ndre Kristy zay. [13]Te tamy ty alala ty Fagnahy raeke ro
nanaova batisa antika iaby ho vata raeke, na reo jiosy na reo Grika, na vitatapke na afake, vaho ty iaby le natao
soa hino amy ty Fagnahy raike.[14]Te ty vata le tsy rantsa toka, te maro. [15]Laha mitsara ty tomboke tihoe: "Satria tsy
tagna raho, le tsy rantsa amy ty vata raho," zay le tsy kele amy ty rantsa ty vata akore. [16]Vaho laha ty sofy ro
hirehake tihoe: "Satria tsy maso raho, le tsy rantsa amy ty vata raho," zay le tsy kele amy ty rantsa ty vata zao.
[17]Laha maso ty vata iaby, le ho aia ty fijanjigna? Laha sofy ty vata iaby, le ho aia ty fagnimboloa?[18]Te
Andragnahare nandame ty rantsa ty vata kiraikiraike arake ty namorognane zay. [19]Laha rantsa mitovy avao ie
iaby, aia ro hisy ty vata? [20]Le zao le rantsa maro iareo, te vata raeke avao.[21]Ty maso tsy afake mitsara amy ty tagna
tihoe: "Tsy misy ipaivako anao." Na ty loha tsy hitsara amy ty tomboke tihoe: "Tsy misy impaivako anao." [22]Te reo
rantsa amy ty vata ze miseho ho maleme loatse le vatane mpaiave, [23]vaho reo rantsa ty vata ze heverintika te tsy
le manan-danja, le omeantika lanja bey loatse reo, vaho reo rantsantika tsy fampiseho le mana fahamendreha
mihoatse. [24]Vaho ty rantsantika fampiseho le tsy mipay andesy amy ty fahamendreha, te reo le fa mana
fahamendreha. Te Andragnahare nampiaharo ty rantsa iaby miarake, vaho reke nagnome lanja loatse ahy reo ze
tsy ampe zay.[25]Nanao zay reke soa tsy hisy fisaraha eo amy ty vata, te soa hifampikarakara amy ty fitiava mitove
reo rantsa. [26]Noho zay iaby mijale ty rantsa raeke, le miara-mijale reo rantsa iaby; na lafa omen-danja ty rantsa
raeke, le miara-mifale ty rantsa iaby. [27]Vaho le vata ndre Kristy vaho rantsane amy zay ty kiraikiraike.[28]Vaho
Andragnahare nanendre tao amy ty fiangona reo apostoly aloha, faharoe reo mpitoke, fahatelo reo
mpampianatse, bak;eo reo ze manao asa mahavere, bak'eo reo fagnomezam-pahasoava hagnafake reo ze
magnome fagnampea, reo ze manao ty asa ty fitantanan-draharaha, vaho reo ze mana karaza firehake samihafa.
[29]Apostoly vao iareo iaby? Mpitoky iaby vao Mpampianatse iaby vao? Manao asa mahavere iaby vao ty iaby?
[30]Mana fagnomezam-pagnahy hagnafake vao iareo iaby? Mitsara amy ty firehake tsy hay vao iareo iaby? Mandika
tsara vao iareo iaby? [31]Mpaiavo mafe reo fagnomezam-pagnahy bey loatse. Te hampiseho anareo lala soasoa
loatse raho.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 13

[1]Na le atao tihoe mitsara amy ty firehake reo ndaty naho reo anjele raho. Te laha tsy mana fitiava, le tonga vy
magneno le kipantso mikarantsam-peo raho. [2]Na le atao tihoe mana fagnomeza ty fitokia vaho mahay reo
misitery naho fahalala iaby kea raho, vaho mana ty finoa iaby afaha mamindra reo vohitse. Te laha tsy manam-
pitiava, le tsy misy dikane raho. [3]Na le atao tihoe magnome ze iaby anagnako hamaha ty mijale kea raho, vaho
magnoe ty vatako ho oroa. Te laha tsy manam-pitiava, le tsy mahazo na ino na ino raho. [Fagnamariha: Ty ULB
naho ty UDB le sambe mana dikan-drehake maro, mivake manahake zao tihoe: Homeiko soa ho oroa ty vatako."
Ty dikan-drehake ilane kea le mivaky tihoe: "Homeiko ty vatako soa ho reharehake."][4]Ty fitiava le mahare-po
naho soa fagnahy. Ty fitiava le tsy magniry na mirehareha. Tsy miavo, [5]na manao ze tsy mahamendrike. Tsy tea
tegna. Tsy mora masiake, na magnisake fahadisoa. [6]Tsy mifale amy ty fahamarigna. Te kea, mifale amy ty
fahamarigna. [7]ty fitiava le mandefitse ty raraha iaby, mino ty raraha iaby, matoke raraha iaby, vaho miaritse ty
raraha iaby.[8] Tsy ho tapitse zisikam-parane ty fitiava. Laha misy fitokia, le ho levo reo. Raha misy firehake amy ty
tsara tsy hay, hijano reo. Laha misy fahaiza, le ho rava zay. [9]Te tika le mahay amy ty ampahane vaho mitoke amy
ty ampahane. [10]Te lafa avy iaze vatane soa, le ho rava ze tsy tanterake.[11]Laha mbe ajaja raho, le nirehake
manahake ty ajaja, nieritseritse manahake ty ajaja, nisafe manahake ty ajaja. Lafa bey raho, le napoko ty
fahajaja. [12]Te henane zao tika le mahisake tsy mivanta amy ty fitaratse, te nanomboke zay le hifagnatri-vata.
Henane zao raho le mahay amy ty vakine, te bak'eo raho le hahay iaby manahake ty nahaiza ahike iaby. [13]Te
henane zao le reto telo reto ro mitoetse: ty finoa, ty fagnantegna nanombokizay, vaho ty fitiava. Te ty bey loatse
amy reo le ty fitiava.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 14

[1]Mipaiva fitiava vaho manàgna zotom-po amy reo fagnomezam-pagnahy loatse te ty hitokianareo. [2]Te zay mitsara
amy ty firehake tsy hay le tsy mrehake amy ty ndaty te amy ty Andragnahare. Te tsy misy mahazo aze satria
mirehake zaka-mivone ao amy ty Fagnahy reke. [3]Te ze mitoke le mirehake amy ty ndaty ho fampioregna aiereo,
ho fampirisiha aiereo, vaho fampionona aiereo. [4]Ze mitsara amy ty firehake tsy hay le magnore ty vatane, te ze
mitoke le magnore ty fiangona.[5]Henanezao le magniry anareo iaby hirehake amy ty fitsara tsy haintso raho. Te
mbe mihoatse noho zay kea, magniry Raho ty hitokianareo. Ze mitoke le bey laotse noho ze mirehake amy
firehake tsy hay (laha tsy tihoe misy ndaty raeke mandika tsara le soa mete hioregna ty fiangona). [6]Te hanenazao,
rahalahy, laha avy eo aminareo amy ty firehake tsy hay raho, ino ro vokan-tsoa omeiko anareo amy zay? Tsy
afake raho, laha tsy tihoe mirehake aminareo amy ty fagnamabara, na fahalala, na fitokia, na fampianara.[7]Laha
mamoake feo reo zaka-magneko tsy manam-piay__manahaka ty sody na lokanga__vaho tsy mamoake lantom-peo
samihafa reo, nanao akore ro hahaiza ty ndaty ze melody iaby ty sody na lokanga? [8]Te laha manao feo hafahafaty
trompetra, nanao akore ro hahaiza ty ndaty lafa fotoa hiomagna amy ty aly? [9]Le manahake zay avao kea ty
aminareo. Laha tsy mazava ty tsara amboakine ty vavanareo,nanao akore ro hahafantara ty ndaty ze
nitalilianareo? Hitsara nareo, vaho tsy hisy hahazo nareo.[10]Misy rehake maro sambehafa eto amy zao tontolo zao,
vaho tsy misy amy regny ro tsy dikane. [11]Te laha tsy mahay ty dika ty rehake raeke raho, le ho bahine amy ze
mitsara, vaho ze mirehake ho bahine amiko.[12]Manahake zay avao kea ty aminareo. Satria magniry mafe ty
fihetseha ty Fagnahy nareo, manà zotom-po soa hiroborobo amy ty fagnoregna ty fiangona. [13]Noho zay ze
mirehake amy ty rehake tsy hay le tokoner hivavake soa hazahoane mandika rehake. [14]Telaha mivavake amy ty
firehake tsy hay Raho, le mivavake ty fagnahiko, te ty saiko tsy mamoa.[15]Ino ro tokone ho anoeko? Hivavake amy
ty Fagnahiko rahjo, te hivavake amy ty saiko avao kea. Hiantsa miarake amy ty Fagnahiko raho, vaho hiantsa
miarake amy ty saiko avao kea. [16]Laha tsy zay, laha miantsa ahy ty Andragnahare miarake amy ty Fagnahy nareo,
nanao akore ro hirehafa ty bahine tihoe: "Amena" lafa magnome fisaora riha l;aha ohatse le tsy hiane ze
atalilinao.[17]Te riha le vatane magnome fisaora soa avao, te ty ndaty hafa tsy miore. [18]Misaotra ahy ty
Andragnahare raho te mirehake amy ty rehake tsy hay mihoatse noho nareo iaby. [19]Feie agne am-piangona le
aleoko mirehake rehake lime arake ty fahazoako soa hazahoako mampianatse reo hafa, manahake ze tsara rae
ale amy ty firehake tsy hay.[20]Rahalahy, ko ajaja amy ty dininareo. Te kea, laha amy ty rate, le manaova manahake
ty ajaja. Te amy ty dininareo le lonike ho matotse nareo. [21]Ao amy ty lalàgna le voasoratse tihoe: "Amy ty alala ty
ndaty hafa rehake naho amy ty alala ty sogne ty bahine le hirehake amy reto ndaty reto Raho. Na tsy handre
Ahike kea iareo," nanao tihoe ty Tompo.[22]Noho zay reo rehake tsy hay le famantara, tsy amy reo mpino, te amy
reo tsy mpino. Te ty fitokia kea le ho famantara, tsy ho ahy rep tsy mpino, te ho ahy reo mpino. [23]Noho zay, laha
ohatse, miara-mivore ty fiangona iaby vaho mirehake amy ty rehake tsy hay iaby, vaho mizilike reo bahine naho
tsy mpino, tsy ho atalily iareo te biloka vao nareo?[24]Te laha nitoke iaby nareo iaby le nisy tsy mpino na bahine
nizilike, le ho resy lahatse na bahine nizilike, le ho rese lahatse amy ze iaby janjine reke. Ho tsaray amy ty alala ze
iaby voatalily reke. [25]Ho ambara ty tsiambaratelo ao agn'arofone. Vokatse zay, hihohoke reke vaho hilay ahy ty
Andragnahare. Hagnambara reke te vatane eo aminareo Andragnahare.[26]Ino zane ro magnarake, rahalahy? Lafa
miharo nareo, ty kiraikiraike le mana salamo, fampianara, fagnambara, rehake tsy hay, na fandikan-drehake.
Ataovo ty raraha iaby soa hagnoregnanareo ty fiangona. [27]Laha misy mirehake amy ty rehake tsy hay, apoho hisy
roe na farane ty hamaroane telo eo, vaho mandeha kiraikiraike, bak'eo le tokone hisy raeke handika ty rehake ze
voatalily. [28]Te laha tsy misy mpandika rehake, apoho ty kiraikiraeke amy iareo hitajake fahangina ao am-
piangona. Apoho ty kiraikiraeke hirehake mitoka amy ty vatane naho amy ty Andragnahare.[29]Apoho hirehake
mpitoke roe na telo, vaho apoho reo hafa hijanje amy ty fahaiza-magnavake ze voatalily. [30]Te laha misy fahisaha
omea ze mitoboke eo amy ty fanompoa, apoho hitsy iaze raeke ze nirehake.[31]Te ty kiraikiraeke aminareo le afake
mifandimby mitoke soa hafaha ty kiraikiraeke mianatse vaho soa hahere ty iaby. [32]Te ty fagnahy reo mpitoke le
eo ambane ty fagnaraha-maso reo mpitoke. [33]Te Andragnahare le tsy Andragnahare ty fikorontagna, te ty
fiadagna. zay ro fitsipike ho ahy reo fiangona reo mpino iaby.[34]Ty ampela le tokone hitajake fitsingna ao am-
piangona. Satria tys mahazo alala hirehake iareo. Te kea, tokone hignina iareo, manahake ty ambara ty lalàgna.
[35]Laha misy iry iareo hianara, apoho hagnontane ty valine agne an-tragno iareo. Te mahamegnatse ho ahy ty
ampela ty mirehake ao am-piangona. [36]Bak'aminareo vao ro niavia ty tsara ty Andragnahare? Nareo arere vao ro
voakasike zay?[37]Laha misy misafiry ty vatane ho mpitoke na ara-pagnahy, le tokone hagneke reke te reo raraha ze
soratako aminareo le lily ty Tompo. [38]Te laha misy tsy magneke zay, le aleo re tsy ho eke. [Fagnamariha: Ty
ankamaroa ty dikan-tene, ao ampo zay ty ULB naho UDB, le mamake tihoe: "Te laha misy tsy magneke zay, le
lonike tsy ho eke reke."Ty dikan-tene ilane taloha manao tihoe: "Te laha misy tsy mahay zay, le lonike reke tsy

hahay zay."][39]Koa amy zay, rahalahy, magniria mafe ty hitoke, vaho ko mandrara ahy ia na ia hirehake amy ty rehake tsy hay. [40]Te apoho ty zak-iaby atao arake ty tokone ho ie naho am-pilamigna.

 

Chapter 15

[1]Henane zao mampatiaro anareo raho, rahalahy, ty amy ty filazantsara ze nambarako taminareo, ze
nirambesianreo naho ze nitsanganareo. [2]Amy ty alala zau filazantsara zay ro havoavonje anareo, laha mitajake
mafe amy ty tsara nitoriko taminareo nareo, laha tsy tihoe natokitoke avao.[3]Te nomeako ho zak-bey voalohane ho
anareo ze voaraeko avao kea: te mate ho ahy ty hakeontika Kristy arake ty Soratse Masy, [4]vaho nalevy Reke, vaho
Reke le nitsanga tamy ty mate tamy ty andro fahatelo arake ty Soratse Masy.[5]Kristy nimboake tamy ndre Kefasy,
vaho bak'eo tamy reo folo roa ambe; [6]bak'eo le niboake ndraeke mandeha tamy reo rahalahy mihoatse ty
dimanjato Reke. Mboe velo ty ankamaroa iareo, te ty ilane le nivilase. [7]Bak'eo Reke niboake tamy ndre Jakoba,
bak'eo tamy reo apostoly iaby.[8]Farane loatse, le niboake tamiko Reke, manahake ty tihoe tamy ty ajaja terake tsy
feno vola. [9]Te raho ro kele loatse amy reo apostoly. Raho le tsy maeva ty kinaike tihoe apostoly satria nagnenjike
ty fiangona ty Andragnahare raho.[10]Te noho ty fahasoava ty Andragnahare ro nahatoy zao ahike, vaho tsy rava ty
fahasoavane ato amiko. Te kea, niasa mafe loatse noho iareo iaby raho. Feie tsy raho zay, te ty fahasoava ty
Andragnahare ze miarake amiko. [11]Noho zay na raho zay na iareo, arake ty nitorianay le arake zay ro ninoanareo,
[12]Henane zao laha nambara te Kristy le nitsanga tamy ty mate, nanao akore ro hafaha ty ilane aminareo mitalily
te tsy misy ty fitsangan amy ty mate? [13]Feie laha tsy misy ty fitsanagana amy ty mate, le tsy natsanga akore Kristy;
[14]vaho laha tsy natsanga Kristy, le rava ty fitorianay, vaho rava avao kea ty finoanareo.[15]Kea, le hisake ho
vavolombelo diso mikasike ty Andragnahare zahay satria nitsanga vavolombelo nanohitse ahy ty Andragnahare,
nitsara tihoe natsangane Kristy lafa tsy nanao Reke. [16]Laha tsy natsanga ty mate, na Kristy kea tsy natsanga;
[17]vaho laha tsy natsanga Kristy, le rava ty finoanareo vaho le mboe ao amy ty hakeonareo nareo.[18]Vaho ze iaby
mate ao amy ndre Kristy le fa vere avao kea. [19]Laha amy toy fiaigna toy avao ro anagnantika toke amy ty ho ave
ao amy ndre Kristy, le tika ro mahafegnay loatse amy ndaty iaby.[20]Te henanezao le fa natsanga tamy ty mate
Kristy, iaze voalohambokatsy reo mate. [21]Te satria avy tamy ty alala ty ndaty raeke ty fahafatesa, le bak'amy ty
alala ty ndaty raeke avao kea ro niavia ty fitsangana amy ty mate.[22]Te manahake ty nahafatesa ty iabyb tao amy
ndre Adama, le ho velome ao amy ndre Kristy avao kea ty iaby. [23]Feie sambe ao amy ty filaharane manoka ty
kiraikiraeke: Kristy, iaze voaloham-bokatse, vaho bak'eo reo ze ahy ndre Kristy le hatao velo amy ty fiavine.
[24]Bak'eo le ho avy ty farane, lafa homea ndre Kristy ho ahy ty Andragnahare Rae ty fanjaka. Zay le lafa handrava
ty fitsipike iaby naho fahefa iaby vaho ty here Reke. [25]Te tsy maintse manjaka Reke mandra-pametrane ty
fahavalone iaby ao ambae ty tongone. [26]Ty fahavalo farane ho harava le ty fahafatesa.[27]Te "Napone teo ambane ty
tmbone iaby ty raraha iaby." Te voatalily te: "Reke ro napipoke ty raraha iaby," le mazava soa te tafilitse ao ampo
zay iaze raeke nametrake ty raraha iaby hanaike ty vatane. [28]Lafa magneke Aze ty raraha iaby, le ty Anake avao
ro hagnina iaze raeke ze mampagnina ty raraha iaby ho Aze. Hiboake zay soa ho iaby ao amy ty iaby ty
Andragnahare Rae.[29]Na kea ino ro mpaiavy reo ze vita batisa ho ahy ty mate? Laha tsy natsanga avao ty mate,
nanao akore iareo ro natao batisa ho ahyiareo? [30]Nanao akore vaho, tika ro am-bava loza isan-dera?[31]Miatrike
fahatesa san'andro raho! Zay le azo antoke manahake ty fireharehako ty aminareo, ze azoko ao amy ndre Kristy
Jesosy Tompontika. [32]Ino ro tombone azoko, bak'amy ty fomba fagnete ty ondaty, laha niale atamy ty biby tao
Efesosy raho, laha tsy natsanga ty mate? "Lonike tika hihina naho hino satria ho mate hamaray."[33]Ko mete ho
fitahy tihoe: "Manimba ty fisaigna soa ty naman-drate." [34]Mandiniha! Miaignà am-pahamarigna! Ko manohy
manao rate! Te ty ilane aminareo le tsy mana fahaiza ahy rty Andragnahare. Mitalily zay ho amy ty
fahamegnaranareo raho.[35]Te ty ndaty raeke hirehake tihoe: "Nanao akore ro nampitsanga ty mate, vaho amy ty
karaza vata ino ro hiavia iareo?" [36]Tsy mahay na ino na ino nareo! ze hotongisanareo le tsy hanomboke hitombo
laha tsy mate zay.[37]Ze nitongisinareo le tsy vata ze ho ave, te voa avao. Zay le mete ho lasa vare na raraha hafa.
[38]Te homea ty Andragnahare aze ty vata arake ze filine, vaho sambe amy ty vatane iaby ty voa kiraikiraike. [39]Tsy
ty nofotse iaby ro mitove. Te kea, raeke ty nofotse ty ondaty, le hafa ty nofotse reo biby, vaho nofotse hafa ty ahy
reo voro, vaho hafa ty ahy fia.[40]Misy avao kea reo vata agne an-dagnitse naho reo vata ty eto an-tane te karaza
raeke avao ty hasy ty vata agne an-dagnitse vaho hafa ty asy ty eto an-tane. [41]Raeke ty asy ty masoandro, vaho
hafa ty asy ty vola, vaho asy hafa ty ahy reo vasia. Te vasia rake miavake amy ty vasia raeke hafa amy ty asy.
[42]Manahake zay kea ty fitsangana amy ty mate. ze tongise le mete simba, vaho ze atsanga le tsy mete simba.
[43]Tongisy tamy ty fahasalara zay; le natsanga am-boninahitse. Tongisy tamy ty fahalemea zay; le natsanga amy ty
here. [44]Afafe amy ty vata voajanahare zay; le atsanga ho vata ara-pagnahy. Laha msiy vata voajanahare, le misy
vata ara-pagnahy avao kea.[45]Vaho fa voasoratse avao kea te: "Lasa fagnahy velo Adama iaze voalohane" Iaze
Adama farane le lasa fagnahy magnome fiaigna. [46]Te tsy ty ara-pagnahy ro avy voalohane te ty voajanahare, vaho
bak'eo ty ara-pagnahy.[47]Ty ndaty voalohane le bak'amy ty tane, namboare tamy ty lemboke. ty ndaty faharoe le
bak'agne an-dagnitse. [48]Manahake iaze raeke namboare tamy ty lemboke, manahake zay avao kea iaze ndaty


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

agne an-dagnitse, vaho manahake zay avao kea reo ze bak'agne an-dagnitse. [49]Manahake ty nandesantika ty
tarehe iaze ndaty ty lemboke, le handesa ty tareha iaze ndaty ty lagnitse avao lea tika.[50]Vaho zao ro atililiko,
rahalahy, te ty nofotse amy ty lio le tsy afake ty handova ty fanjaka ty Andragnahare. na zay mete simba handova
ze tsy mete simba. [51]Ingo! Zaka-to mivone ro ho atililiko anareo tihoe: Tsy ho amte iaby tika iaby, te hova iaby tika
iaby.[52]Hiova tika amy ty fotoa raeke, ao agnete mipi-maso indraeke, amy ty Trompetra farane. Hagneno ty
Trompetra, vaho reo mate le hatsanga ho tsy mete lo, vaho le hova tika. [53]Te toy vata mete simba toy le tsy
maintse hisike ze tsy metelo, vaho toy vata mete mate toy le tsy maintse hisike ty tsy fahafatesa.[54]Te lafa misiky ty
tsy mete simba toy vata mete simba toy, vaho laha misiky ty fahafatesa toy vata mete mate toy, le avy amy iaze
tsara ze voasoratse tihoe, "Vaotely tamy ty fandresea ty fahatesa." [55]Fahafatesa, aia ty fandreseanao? Fahafatesa,
aia ty fanindronanao?"[56]Ty hakeo ro fanindro ty fahafatesa, vaho ty here ty hakeo le ty lalàgna. [57]Te isaora
Andragnahare, ze magnome antika ty fandresea amy ty alala ndre Jesosy Kristy Tompontika![58]Noho zay, rahalahy
teako. mioregna soa vaho ko miozongnozo. Miroboroboa san'andro amy ty asa ty Tompo, satria hainareo te tsy
vereavao ty asanareo ao amy ty Tompo.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 16

[1]Vaho mikasike ty famoriam-bola ho ahy reo mpino, arake ty nanoroako lala ty fiangona ndre Galatia, le
manahake zay kea ro tokone ataonareo. [2]Amy try andro voalohane ty heregnandro, le tokone hanoka raraha ty
kiraikiraike aminareo vaho hitahire zay arake ze vitanareo. Manaova zay soa tsy hisia ty famoriam-bola lafa avy
raho.[3]Lafa avy rajo, na ia na ia ekenareo, le alefako miarake amy ty taratasy soa hagnomezako ty fagnatitsareo ho
ahy ndre Jerosalema. [4]Laha ohatse le mete amiko avao kea ty mandeha, le handeha hiarake amiko iareo.[5]Te ho
avy agne aminareo raho lafa mandalo ahy ndre Makedonia. Te handalo ahy ndre Makedonia nraho. [6]Mete afake
hijano miarake aminareo raho na agnate ty asotry avao kea, soa hahaizanareo magnmpe ahike amy ty liako, na
aia na aia andenako.[7]Te tsy magniry ty hahisake anareo agnate ty fotoa fohike raho zao. Te magnantegnaty
hitoetse elaela miarake aminareo laha ampo ty Tompo. [8]Te hijano ao Efesosy raho mandra-piavia ty Pentekosta,
[9]te fa varavara malalake ro nisokatse ho ahike, vaho misy fahavalo maro.[10]Vaho lafa avy Timoty, le ezaho spa tsy
hatahotse reke miarake aminareo, te manao ty asa ty Tompo reke, manahake ty ataoko. [11]Ko ampoke hisy ndaty
hanao tsy misy dikane aze. Ampeo re amy ty lalane amy ty fiadagna, soa hafahane mandeha eo amiko. Te
magnantegna aze soa ho avy hiarake amy reo rahalahy raho. [12]Vaho mikasike ahy ndre Apolosy rahalahintika, le
nampirisike aze mafe raho soa hamnge anareo miarake amy reo rahalhy. Te mboe tsy vanogne iaby ty ho avy zao
reke. na zay kea, ho avy reke lafa mete ty fotoa.[13]Miambena, mitsangana soa amy ty finoa, miasà manahake ty
lehilahy mahereza. [14]Lonike hamboare am-pitiava ze ataonareo iaby.[15]Hainareo ty hasaveregna ndre Stefanasy, te
iareo ro niova arofo voalohane tao Asaia, vaho iareo nametrake ty vata iareo ho amy ty fanompoa reo mpino.
Vaho mamporisike anareo raho, rahalahy, [16]soa hagnina ty ndaty manahake zay naho amy ty ndaty iaby ze
magnampe amy ty asa naho miasa miarake aminay.[17]Mifale amy ty fiavia ndre Setefanasy, Fortinatasy, vaho
Akaiosy raho. Nameno ty tsy naha-teo anareo iareo. [18]Te namelombelo ty fagnahiko naho ty nareo iareo. Le nono
zay, fantaro ty ndaty manahake zay.[19]Reo fiangona ndre Asia le manao veloma anareo. Akila naho Pritsila le
manao veloma anareo ao amy ty Tompo, miarake amy ty fiangona ze ao amy ty fitobaha iareo. [20]Ty rahalahy iaby
manao veloma anareo. Mifanaova Veloma amy ty oroke masy.[21]Raho, Paoly, manoratse toy amy ty tagnako. [22]Laha
misy ndaty tsy tea ty Tompo, lonike soa voapatse r eke. Ho avy, ty Tompontika! [23]Ho aminareo vatane ty fahasoava
ty Jesosy Tompo. [24]Ho aminareo iaby ty fitiavako aoa may ndre Jesosy Kristy. [Fagnamariha: Ty dikan-tene taloha
le magnampe tihoe: "Amena." Te ty vaovao maro hafa, ao agnate zay ty ULB naho ty UDB, le mangala zay.]

# 2 Corinthians

Chapter 1

[1]Paoly, apostoly raeke ahy ndre Kristy Jesosy tamy ty tea ty Andragnahare, naho Timoty rahalahintika, ho ahy ty
fiangona ty Andragnahare ze ao amy ty Korito, vaho ho ahy reo mpino iaby magnera ty faritse Akaia. [2]Ho
aminareo vatane ty fahasoava vaho ty fiadagna bak'amy ty Andragnahare Raentika naho Tompo Jesosy Kristy.[3]Ho
antsay vatane ty Andragnahare naho Baba ty Tompontika Jesosy Kristy. Re ro Baba ty famindram-po iaby naho
Andragnahare ty fampionogna iaby. [4]Andragnahare le mampionogne antika amy ty fijaleantika iaby, le soa
ahafahantika mampionogne reo ze ao ampo fahoria, Tika le mampiongne reo hafa manahake ty fampionogna ze
nampiasa ty Andragnahare ampionogne antika.[5]Te manahake ty hitomboa ty fijalea ndre Kristy noho ty aminay,
ro hitomboa ty Fampionogna anay kea amy ty alala ndre Kristy. [6]Te laha nampahoria zahay, zay le ho ahy ty
fampionogna naho famonjea nareo. Vaho laha nampionogna zahay, zay le ho ahy ty fampahereza anareo. ty
fampaherezanareo le mandaitse lafa manam-pahareta hizara reo fijalea ze mitovy amy ty fijaleanay kea. [7]Te ty
fahatokinay mikasike anareo le azo antoke, satria zahay le mahay te nareo kea le mizara reo fijalea, nareo kea le
mizara fampahereza.[8]Te tsy teanay nareo tsy ahay, rahalahy, ty amy reo olagne nahazo anay tagne Asia. Zahaya le
nivesare aby mihoatse ze tokone ho zakanay, maro loatse le tsy nagnantegna ty hiay ela sase zahay. [9]Teo aminay
ty fagnameloha ho mate. Te zay ro nahaavy anay tsy hametrake ty tokinay eo amy ty vatanay avao, te kea amy ty
Andragnahare ze mampitsanga ty mate. [10]Nagnavotse anay tamy ty loza mahafate manahake zay Reke, vaho
mboe hagnavotse ndraeke. Zahay le nametrake ty tokinay tamine te mboe hagnafake anay ndraeke Reke.[11]Reke le
hanao zay satria nareo kea magnampe anay amy ty alala ty vavakareo. Vaho maro bak'ei ro hagnome fisaora amy
ty agnaranay noho ty tombom-pahasoava nomea anay tamy ty alala reo vavake ty maro.[12]Zahay le mirehareha
amy zao: fitsangana vavolombelo ty amy ty feo ty fieratseretanay. Te amy ty safiry malio naho fahatsoram-po ze
bak'amy ty Andrgnahare ze nandesanay ty vatanay ao amy zao tontolo zao. Zahay le nahavita zay iaby zay vaho
ty ankamaroa ty niarake taminareo__tsy tamy ty fahendrea zao tontolo zao, te tamy ty fahasoava ty

 

Andragnahare. [13]Zahay le tsy nanoratse raraha tsy ho voavake na ho azonareo. Raho le magnantegna te, [14]satria nareo nahazo ty mikasike anay amy ty ampahane, zahay le ho anto ty reharehanareo amy ty andro ty Tompontika Jesosy, manahake anareo ho antone hireharehanay.[15]Satria natoke ty mikasike zay raho, le te ho agne aminareo aloha, soa hahafahanareo mahazo vokane amy ty fitsidiha roe. [16]Nioma ty hitilike anareo lafa tegne amy ty lalako ho agne Makedonia raho. Vaho bak'eo le mboe nagnire hitilike anareo ndraeke raho tamy ty liako bak'agne Makedonia, vaho ty soa ty soa hagnateranareo ahike tegne amy ty lalako ho agne Jodia bak'eo.[17]Lafa nieritseritse manahake zay raho, nisalasala vao raho? Nagnoma reo raraha reo arake ty nofotse vao raho, soa itsarako "Eka, eke" naho "Aha, aha" amy ty fotoa raeke avao? [18]Te satria Andragnahare le matoke, tika le tsy afake ty hitsara na "Eka" na Aha."[19]Te ty Ana ndre Andragnahare, Jesosy Kristy, ze nitoria ndre Sylvanosy, Timoty vaho raho taminare, le tsy "Eka" na "Aha." te Reke le nitsara avao tihoe: "Eka." [20]Satria ty fampagnantegna ty Andragnahare iaby le "Eka" iaby ao amine. Le amy ty alalane kea tika le hitsara tihoe "Amena" ho ahy ty asy ty Andragnahare.[21]Vaho Andragnahare ze magnamafe anay aminareo ao amy ndre Kristy, vaho Reke ro nagnirake antika. [22]Reke le nagnisy tombo-kase tamintika ho antoke zay mboe ho omeine antika ao afara.[23]Te nikaike ahy ty Andragnahare raho, hitsanga vavolombelo ho ahike ze antone tsy niaviako tao Korinto soa hamikndrako arofo aminareo. [24]Zay le tsy sagnatria noho zahay miezake ty mamehy ze tokone ho finoanareo. Te kea, zahay le miara-miasa aminareo amy ty fifaleanareo, satria nareo mitsanga ao amy ty finoanareo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Te nanapa-kevitse ty tsy amonje anareo ndraeke ty vatako amy ty fotoam-pangirifiria. [2]Laha niterake alahelo
anareo raho, ia ro afake mampifale ahike ankoatse iaze raeke ze niratsaiko avao?[3]Nanoratse raho manahake ty
nataoko soa tsy ho voaratra reo ze tokone nampifale ahike lafa avy tagne aminareo. Raho le mana fahatokia ty
aminareo iaby te ty fifaleako le fifalea mitove amy ty anareo iaby. [4]Te nanoratse ho anareo raho bak'amy ty
fahoria bey, miarake amy ty fangirifiria ty fo, vaho miarake amy ty ranomaso bey. Tsy te ampalahelo anareo
raho. Te kea, te hampahafantase anareo ty alaly ty fitiava ze anagnako ho anareo.[5]laha nisy ndaty niterake
alahelo, tsy niterake zay tamiko avao reke, te amy ty tareha hafa__Tsy hagnitara loatse zay__aminareo iaby.
[6]Ampe ty fagnasazia natao ty maro agn'isake io ndaty io. [7]Le henane zao laha tokone ho fagnasazia, nareo le
tokone hamela heloke na hampionogne aze. Ataovo zay soa tsy handeteke aze amy ty alahelo be loatse.[8]Noho zay
mankahere anareo raho soa hagnamafe ampahibe-maso ty fitiavanareo Aze. [9]Zay ro antone nanoratako, amy zay
soa mete hitsapako anareo vaho ahaizako na magnina amy ty zaka-iaby nareo.[10]laha mamelo ndaty nareo,
mamela zay ndaty zay kea raho. Ze napoko__laha napipoke ty zaka iaby raho__zay famela zay le fitiava anareo
amy ty fagnatreha ndre Kristy. [11]Zay le soa tsy hamitaha ty Satana anay. Satria zahay le mahay reo drafine.
[12]Kisokatse ho ahike ty varavara tamy ty tompo lafa avy tao amy ty tanàm-bey ahy ndre Troasy nitore ty
filazantsara ahy ndre Kristy tagne. [13]na zay kea, tsy nana fiadagnan-tsay raho, satria tsy nahisake ty rahalahiko
Titisy tagne. Arake zay, nagnenga iareo raho vaho nandeha nimpole tagne makedonia.[14]Te fisoara vatane ho ahy
ty Andragnahare ze ao amy ndre Kristy mitarike anay san'andro ao amy ty fandresea. Amy ty alalantika le haele
na aia na aia ty hagnitse mamy ty fahalala aze. [15]Te zahay le hagnitse mamy ndre Kristy ahy Andragnahare, na
teo amy reo ze novonje naho teo amy reo ze ho mate.[16]Ho ahy ty ndaty ze ho mate, zay le hagnitse bak'amy ty
fahafatesa ho amy ty fahafatesa. Ho ahy reo ilane ze nivonjea, le hagnitse bak'amy ty fiaigna ao amy ty fiaigna. Ia
ro maeva amy reo raraha reo? [17]Te zahay le tsy mitove amy reo ndaty maro ze mivarotse ty tsara ty
Andragnahare soa ahazoa vokane. Te kea, amy ty fahadiovam-po, ro hirehafanay amy ndre Kristy, satria naleda
bak'amy ty Andragnahare zahay, tao amy ty fahisaha ty Andragnahare.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]hanomboke hidera vata ndraeke vao zahay? Zahay le tsy mipay reo taratasy fagnamarigna aminareo na
bak'aminareo, manahake ty ndaty ilane, sa tsy zay? [2]Ty vatanareo ro taratasy fagnamarignanay, ze voasoratse ao
am-pontika, ze hay baka vaky ty ndaty iaby. [3]Nareo le maneho te taratasy fagnambara bak'amy ndre Kristy, ze
nomeantika. Zay le tsy voasoratse tamy ty ranomainte te tamy ty Fagnahy iaze Andragnahare velo. Zay le tsy
voasoratse teo amy ty takela-bato, te teo amy ty takelake ty arofo ty ondaty.,[4]Vaho zay ro toke ze anagnantika eo
agnatreha ty Andragnahare amy ty alala ndre Kristy. [5]Tika le tsy mahavita amy ty vatantika soa handrambe na
ino na ino ze bak'amintika. Te kea, ty Fahefantika le bak'amy ty Andragnahare. [6]Andragnahare ro namboatse
antika soa ho mpiasa ty fagneke vaovao. Zay le fagneke tsy bak'amy ty soratse te ahy ty Fagnahy. Te ty soratse
mamono. vaho ty Fagnahy magnome fiae[7]Vaho ty asa ze niterake fahafatesa le voasoratse teo ambone ty vato - le
avy tamy ty voninahitse bey le vahoagn'Israely le tsy afake nagnete ty vata ndre Mosesy. Zay le noho ty hasy ty
vatane, ty asy ze nirava. [8]ho asy bey manahake ty manao akore ty asa ze atao ty Fagnahy?[9]Te laha nana asy ty asa
ty fagnameloha, le hanahake ty manao akore ty fitomboa ty hsay ty asa ty fahamarigna! [10]Satria, ze nomea asy
ndraeke mandeha le tsy hanan-kase sase amy zay fomba zay, noho ty asy ze mampitombo zay. [11]Te laha ze
nandalo avao ro nana asy, le tsy hana asy mihoatse noho zay vao ze maharitse![12]Satria mana toke manahake zay
tika, le mahasake vatane. [13]Tika le tsy manahake ahy ndre Mosesy, ze nanaro ty vatane tamy ty voale, tsy
hahafaha ty vahoagn'Israely magnete aze mivanta amy ty fiafara ty asy ze nandalo avao.[14]Te tysay iareo le fempe.
Na zisike henanezao zay voale zay le mboe mijano eo amy ty famakia ty fagneke taloha. tsy misokatse zay satria
ao amy ndre Kristy avao zay ro afaha. [15]Feie na henane zao na ombia na ombia ro vaky ty lalà ndre Mosesy, le le
manaro ty arofo iareo ty voale. [16]Feie laha mitolike amy ty Tompo ty ndaty, le afaha ty voale.[17]Vaho ty Tompo le
Fagnahy. Ze misy ty Fagnahy ty Tompo, le misy fahafaha. [18]Vaho tika iaby, tsy mifognom-boale, le mahisake ty
hasy ty Tompo. Tika le fa vaovao ho ao amy ty voninahitse ho amy ty voninahitse, ze bak'amy ty Tompo, ze tsy ia
te ty Tompo, ze tsy ia te ty fagnahy.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 4

1 Noho zay, satria zahay mana zay asa fanompoa zay, vaho vao nahazo famindram-po, le kive zahay. 2 Te kea,
Nihalanay reo fomba mahamegnatse naho mivone. Tsy miay amy tyy fitake zahay, vaho mapiasa to ty tsara ty
Andragnahare. Amy ty fanehoa ty to, zahay le mandily ty vatanay ty amy ty feo ty fieretsereta ty ndaty soa
handesy eo amaso ty Andragnahare. 3 Te laha voafogno ty filazantsaranay, zay le ho voafogno amy reo ze mate
arere avao. 4 Amy ty toe-jaka miseho amy iareo, ty andragnahare ty zao tontolo zao nahagoa reo say tsy matoky
iareo. vokatse zay, tsy afake mahisake ty fahazava ty filazantsara ty asy ndre Kristy iareo, ze tarehe ty
Andragnahare. 5 Te zahay tsy magnambara ty vatanay te re Kristy manahake ty Tompo, vaho ty vatanay manahake
ty mpiasanareo noho ty amy ndre Jesosy. 6 Te Andragnahare le iaze raeke ze nitsara tihoe: "ty fahazava hamiratse
tao agn'arofonay, soa hagnome ty fahazava ty fahalala ty asy ty Andragnahare eo amy ty fagnatreha ndre Jesosy
Kristy. 7 Te zahay mana zay hanagna ze ao ampo tavoange tanemanga, soa hazava te ty here bey mihoatse lavitse
le ahy ty Andragnahare te tsy anay. 8 Ampijale amy ty fomba iaby zahay, te tsy rese. Vere hevitse zahay te tsy feno
hakivia. 9 Anjehy zahay te ty negna. Vonoa zahay te tsy rava. 10 Manday eo amy ty vatanay ty fahafatesa ndre Jesosy
avao zahay, amy zay ty fiaigna ndre Jesosy avao kea le hiboake eo amy ty vatagnay 11 Zahay ze velo le manday avao
ao amy ty vatagnay ty fahafatesa ndre Jesosy, amy ze fiaigna ndre Jesosy le hiboake eo amy ty vatanay ondaty.
12 Noho zay ty fahafatesa le miasa ao amintika, te ty fiaigna miasa ao aminareo. 13 Te zahay mana fagnahy ty finoa
mitove arake ze voasoratse tihoe: 14 "natoke raho, vaho le nitsara avao kea zahay. Hainay te iaze raeke ze nananga
ty Tompo Jesosy le hananga antika avao kea miarake amy ndre Jesosy. Hainay te handay anay miarake aminareo
ao amy ty fiatrehane Reke. 15 Ty zaka- iaby le ho anareo soa, arake ty fahasoava voaparitake tamy ty ndaty maro,
ro hitomboa ty fagnomezam-pisaora ao amy ty asy ty Andragnahare. 16 Noho zay le tsy ho kivy zahay. Na maleme
ambalike kea zahay, le havaoze san'andro san'andro ty ao amponay. 17 Te amy zao andro mandalo zao, ty fahoria
maiva le magnoma anay ho amy ty lanja ty asy maharitse zisikam-parane ze mihoatse ty fandanja iaby. 18 Te tika
tsy magnete raraha ze hisake, te reo raraha tsy hisake. Reo raraha ze mete hitantika le tsy maharitse, te ro raraha
ze tsy hisake le maharitse zisikam-parane.

Chapter 5

[1]Haintika te laha rava ty fitoboha eto an-tane ze itobohantika, le mana tragno bak'amy ty Andragnahare tika. Zay
le tragno tsy natao ty tagna ty ondaty, Te tragno zisikam-parane, agne an-dagnitse. [2]Te eto amy toy tragno-lay toy
tika ro misento, magniry mafe ty hisike ty fitobohantika agne an-dagnitse. Magnire mafe zay tika satria amy ty
fanaovantika[3] zay le tsy hohisake tsy misike tika.[4]Te laha mboe eto amy ty tragno-lay toy vatane tika, le mifoay,
mavesats'enta. Tsy te hialo tika. Te kea, te hisike tika, soa ho atele ty fiaigna ze mete mate. [5]Iaze Raeke ze
nagnomagna antika ho amy zay raraha zay loatse le Andragnahare, ze nagnome antika ty Fagnahy ho
fagnamabara ze ho ave.[6]Noho zay le matoke hatragne. Tongava say te lafa ao an-tragno amy ty vata tika, le lavitse
ty Tompo. [7]Te mandeha amy ty finoa tika, te tsy amy ty fahisaha. [8]Noho zay le managna fahatokia tika. Aleontika
lavitse ty vata te ao an-tragno miarake amy ty Tompo.[9]Le ataontika tanjo zay, na agne an-tragno tika na lavitse
zay, soa hahafinaritse Aze. [10]Te tika iaby le tsy maintse hiboake eo aloha ty seza fitsarà ndre Kristy, soa mete
ahazoa ty kiraikiraike ze mifagnarake amy reo zaka vita tao amy ty vata, na ho amy ty soa na ho amy ty rate.
[11]Noho zay, ty fahaiza ty tahotse ty Tompo, ro handreseantika lahatse ty ndaty. ty maha tika antika le hisa ty
Andragnahare mavaza. Antegnaiko te mazava amy ty feo ty fieretseretanareo avao kea zay. [12]Tsy miezake ty
handrese lahatse anareo ndraeke zahay soa hagnate anay manahake ty mahite arofo. Te kea, magnome antone
ho anreo hirehareha noho ty aminay zahay, soa hagnanareo valin-tene ho anhy reo ze mirehareha ty amy ty
tarehe ivelane te tsy ty amy ze ao agn'arofo.[13]Te laha vere say zahay, le ho ahy ty Andragnahare zay; vaho laha
avy say soa zahay, le ho anareo zay. [14]te ty fitiava ndre Kristy ro manere anay satria azonay antoke ty tihoe: nisy
ndaty raeke mate ho ahy ty iaby, vaho noho zay le mate ty iaby. [15]Mate Reke ho ahy ty iaby, soa tsy ho velo ho ahy
ty vata iareo sase reo ze velo te ho Aze ze mate vaho natsanga noho ty fitiava aiereo.[16]Noho zay antone zay,
manomboke zao le tsy mitsara na ia na ia arake ty fomba ty ondaty tika, na le fa nagnete ahy ndre Kristy
manahake zay kea tika taloha. Te henanezao tika le tsy mitsara na ia na ia manahake zay sase. [17]Noho zay, laha
misy ndaty ao amy ndre Kristy, le ndaty vaovao reke. Fa lasa reo raraha taloha, Indreo, te evy vaovao iareo.[18]Reo
raraha iaby reo le bak'amy ty Andragnahare. Nampilongoane tamy ty Vatane tamy ty alala ndre Kristy tika, vaho
nameine antika ty asa fanompoa ty fampilongoa. [19]Ty tihoe, ao may ndre Kristy Andragnahare ro mampilongo
zao tontolo zao amy ty Vatane, tsy magnisake ty fahadisoa iareo amy iareo. Nankine taminay ty hafatse ty
fampilongoa.[20]Kea voatendre ho mpisolo-tegna ndre Kristy zahay, manahake ty tihoe amy ty alalagnay ro
hanaova ty Andragnahare ty fikaihane. mangatake anareo zahay, noho re Kristy: "Milongoa amy ty
Andragnahare!" [21]Nataone lasa soro ho ahy ty hakeontika Kristy. Reke iaze Raeke ze tsy nanao rate zao. Nataone
zay soa ho avy fahamarigna ty Andragnahare ao amine tika.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 6

[1]Miara-miasa amine, zahay avao kea le mampirisike anareo tsy handray ty fahasoava ty Andragnahare fahatane.
[2]Te nitsara reke tihoe: "Tamy ty fotoa mete le nijane anareo Raho, vaho tamy ty andro ty famonjea le nagnampe
anareo Raho. Heteo, henanezao ro andro ty famonjea. [3]Tsy mametrake vato filavoa eo agnoloan'ia na ia zahay, te
zahay tsy magniry ty haharate laza ty asa fanompoanay.[4]Te kea, zahay le magnaporofo ty vatanay amy ty asanay
iaby, te mpiasa ty Andragnahare zahaya. Zahay ro mpiasane amy ty fiareta bey, fahoria, fahaterea, fahasarota,
[5]reo fofoke, fagnagadra, filiera, amy ty asa mafe, amy reo halike tsy torimaso, amy ty hakere, [6]amy ty fahadiova,
fahalala, fahareta, fahatsoram-po, amy ty Fagnahy Masy, amy ty vatane fitiava. [7]Zahay ro mpiasane ao amy ty
tsara ty fahamarigna, ao amy ty here ty Andragnahare. Zahay le mana ty fiarova ty fahamarigna ho ahy ty tagna
havana naho ty havia.[8]Zahay le miasa amy ty hasy naho amy ty hasalara, amy ty fagnaratia naho ty fiantsa. Zahay
le voampanga ho mpamitake feie zahay le to. [9]Zahay le miasa manahake regne tsy misy mahay regny feie zahay
le mboe fanta-daza. Miasa manahake ty ho mate zahay manahake ty saze noho ty asanay feie tsy manahake ty
voaheloke ho mate. [10]Zahay le miasa manahake ty malahelo, feie le mifale lalandava. Zahay le miasa manahake ty
mijale, feie le mampanam-panagna ndaty maro zahay. Miasa manahake ty tsay mana na ino na ino zahay feie
manahake ty mana ty raraha iaby.[11]Zahay le nitsara ty to iaby taminareo, Korintiana, vaho ty aforonay le mivoha
midagnadagna. [12]Ty arofonareo le tsy nifehezinay, te nareo ro namehe reo fihetseha ty arofonareo manoka.
[13]Vaho ho valine ara-drarine-mirehake aminareo manahake ty amy ajaja raho voao hidagnadagna ty arofonare.
[14]Ko mifamatotse amy reo tsy mpino. Te ino ro iraisa ty fahamarigna naho ty fandikan-dalàgna? Te ino ro iaraha
ty mzava amy ty maike? [15]Ino ro mete ho fifagnaraha eo amy ndre Kristy naho Beliala? Na ino ro tokone anjara
anagna ty mpino raeke naho amy ty tsy mpino raeke? [16]Vaho ino ro fifagnaraha misy eo amy ty tempoly ty
Andragnahare naho ty sampe? Te tika le tempoly ty Andragnahare velo, arake ty fanitalily ty Andragnahare
tihoe: "hitoetse eo amy iareo Raho vaho handeha ao amy iareo. Raho le ho Andragnahare iareo vaho Iareo le ho
ndatiko."[17]Noho zay, "Miboaha iala eo amy iareo, vaho mitokagna," nanao tihoe ty Tompo. "Ko mikasike zaka
maloto, vaho Raho handrambe anareo. [18]Raho le ho Rae ho anareo, vaho nareo ho zanadahiko naho
anak'ampelako", hoy ty Tompo tsy misy faharoe.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 7

[1]Reo teako, nanomboke ty nanaggnantika reo tsara fikasa le lonike tika hadio ty vatantika amy ty zaka iaby ze
mahaavy fahalotoa eo amy ty vata naho fagnahintika. mLonike tika hipay ty fahamasigna amy ty fatahora ahy ty
Andragnahare.[2]Rambeso zahay! Tetsy nanao rate tamy ia na ia. Tsy nandratse na nagnararaotse na ia na ia zahay.
[3]Tsy hagnameloke anareo ro hirehafako zao. Te fa nitaliliko te ato agn'arofonay nareo, te miara-mate vaho
miarake-velo tika. [4]Managna fahatokjia bey nareo raho, vaho mirehareha noho ty aminareo. Feno fampionogna
raho. Mitobatobake ty hafaleako na eo kea ty fampihalea iaby.[5]Lafa avy tagne Makedonia zahay, tsy hanam-pitofa
ty vatagnay. Noho zay, mijale tamy ty fomba iaby zahay noho ty fifandira tagne ivelanew, naho ty tahotse tao
ampo. [6]Te andragnahare, ze mpampahere ty keve, nampahere anay tamy ty fiavia ndre Titosy. [7]Tsy tamy ty alala
ty fiaviane avao ro hampahera ty Andragnahare antika. Te tamy ty fampahereza ze nirambese ndre titosy
bak'aminareo. Mitsara antika reke ty amy ty habey ty fitiavanareo, ty alahelonareo, vaho ty fiarovanareo ahike
lalike. Le hifale zisikam-parane raho.[8]Na le nampalahelo anareo kea ty taratasiko, le tsy nampanegne ahike zay.
Te nanegne tamy zay raho lafa nahisake te nampalahelo anareo ty taratasiko. Te nalahelo agnate ty fotoa fohike
nareo. [9]Henanezao le fale raho, tsy tihoe satria mijale nareo, te satria ty alahelonareo ro nandesa anareo ho amy
ty fibebaha. Nareo le niaigne ty fahoria ao amy ty Andragnahare, kea tsy nisy vere ty nijaleanareo ho anay.[10] Ty
fahoria ao amy ty Andragnahare le manday amy ty fibebaha ty hahaavy ty famonjea tsy misy fanegnena. Na zay
kea, ty alahelo zao tontolo zao, le manday fahafatesa.[11]Heteo ty vokatsy ty habey ty fikirizanareo tamy ty fahoria
ao amy ty Andragnahare. Bey vatagne ty habey ty fikiriza tao aminareo soa hagnaporofoa te tsy manan-tsine
nareo. Bey vatagne ty habey ty sikianareo, ty tahotsareo, ty alahelonareo, ty zoto ty arofonareo, vaho ty
fagnirianareo ahisake ty fahamarigna ze tokone atao! Amy ty zaka iaby le nagnaporofo tamy ty vatanareo nareo
soa tsy ho meloke amy zay raraha zay. [12]Na nanoratse taminareo kea Raho, Iraho le tsy nanoratse ho ahy reo
mpanao rate na ho ahy ty raeke ze miharitse ty rate. Nanoratse raho soa tokone hampahafantara ty
fahazotoanareo teo aminay eo agnatreha ty Andragnahare.[13]tamy ty alala zay ro nampahereza anay. Mihoatse
noho ty fampahereza ze fa anagnanay, nihoatse loatse ty fifaleane noho ty fifalea ndre Titosy, satria ty fagnahine
le velombelo noho ty aminareo iaby. [14]laha ohatse le nirehareha tamine ty mikasike anareo raho, le tsy soa afa-
baraka raho. Mifanohitse amy zay, reo raraha reo iaby ze nitsarainay taminareo le to iaby, ty fereharehanay
mikasike anareo tamy ndre Titosy le voaporofo te to.[15]Ty fitiavane anareo le bey loatse, manahake ty
nahatiarovane ty fankatoavanareo iaby, Heheike ty fandrambesanareo aze tamy ty tahotse naho hovitse. [16]Fale
raho satria mana fahatokia tanterake taminareo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 8

[1]Tenay ho hay, rahalahy, ty mikasike ty fahasoava ty Andragnahare ze nome tao amy reo fiangona ndre
Makedonia. [2]Agnate ty fitsapa bey amy ty fahoria, ty hamaroa ty hafaleane naho ty fara-finjalea iareo le niterake
hanagnam-bey ty falalan-tagna.[3]Satria mitsanga vavolombelo raho te nanao bey arake ze vitane iareo, vaho
mihoatse ahy ze vitane kea. Vaho tamy ty tea iareo manoka [4]naho niarake tamy ty fisolohoa mafe ro nangataha
iareo taminay ty fahafaha soa hanagna najara amy to asa fanompoa eo amy reo mpino toy. [5]Tsy niboake arake ze
nilignasanay zay. Te kea, nagnomey ty vatane mialoha tamy ty Andragnahare iareo. Vaho nanolo-tegna ho anay
iarei tamy ty tea ty Andragnahare.[6]Le nampiriske ahy ndre Titose zahay, ze fa nanomboke ahy zay asa zay, soa
hagnantanterake ty fahasoava eo aminareo. [7]Te nareo kea le manan-kanagna amy ty raraha iaby, amy ty finoa,
amy ty tsara, amy ty falala, amy ty fahazotoa iaby, vaho amy ty fitiavanareo anay. Kea ataovo azo antoke soa
hanan-kanagna amy zay asa fahasoava nareo. [TY ULB naho ty UDB, miarake amy reo dikan-tene maro hafa, le
mivake manahake zao: "Ao amy ty fitiavanao anay." Ty dikan-tene hafa le mivake manahake zao: "vaho ao amy ty
fitiavanay anareo"][8]tsy mitsara zay manahake ty lily raho. te kea, mirehake zay raho amy ty fitsapa ty
fahamarigna ty fitiavanareo amy ty fampitaha zay amy ty zoto arofo ty ndaty hafa. [9]Satria hainareoty fahasoava
ty Tompontika Jesosy Kristy. Le nanan-kanagna kea reke, le lasa mijale noho nareo, kea amy ty alala ty fijalea ro
mete ahazoanareo hanagna.[10]Amy zay rehake zay le hagnome toro-hevitse anareo raho ze hagnampe anareo.
Herentao lasa zay, le tsy nanomboke nanao raraha avao nareo te nigniry ty manao zay. [11]Henane zao vitao zay,
manahake ty nisia ty zotom-po naho fagniria hanao zay, le lonike hamita zay kea nareo, arake ze azonareo hatao.
[12]Satria laha magniry mafe ty hanao zay asa zay nareo, le raraha soa naho azo eke zay. Tsy maintse mifototes amy
ze hanagna ty ndaty raeke zay, te tsy ze tsy anagnane.[13]Te zay asa zay le tsy soa hanamaiva ty hafa vaho
hagnavesatse anareo. Te kea, tokone hisy ty rarine. [14]Ty hanagnanareo amy zao fotoa zao le hagnome ze mpaiavy
iareo. Le zay kea le soa hagnomeza ty hanagna iareo ze mpaiavenareo. Vaho soa agnomeza iareo ty rarine [15]Arake
ze fa voasoratse tihoe: "iaze raeke ze nana maro le tsy nana ambine, vaho iaze raeke ze nana ty kele le tsy nana ty
tsy ampe.[16]Te ahy ty Andragnahare ty fisaora, ze nametrake ty tao agn'arofo ndre Titosy ty fahamatora ze
anagnako aminarep. [17]Te reke tsy nagnina avao ty kaikintika, te vatane matotse ty amy zay avao kea. Namonje
anao tamy ty teane manoka rek.[18]Nalefanay reke niarake tamy iaze rahalahy ze nantsay teo agnivo ty fiangona
iaby noho ty asane ze mitore ty filazantsara. [19]Tsy zay avao te reke avao kea le nitendre reo fiangona soa handeha
hiarake aminay handay zao asa ty fahalalan-tagna zao. Zay le ho ahy ty hasy reke Tompo vaho ho ahy ty
fagnirianay hagnampe.[20]Mitao zahay ty amy ty mete hisia ty ndaty mitaray mikaisikanay mahakasike ahy io asa
fahalala-tagna ze hataonay io. [21]Le mila mitao zahay soa hanao ty maeva, te tsy eo agnatreha ty Tompo arere
avao, te ao aloha ty ndaty kea.[22]Mandefa rahalahy raeke hafa avao kea zahay miarake amy iareo. Matetike zahay
ro nitsapa aqze, vaho nahisake aze mafana arofo tamy ty asa maro. Mazoto loatse reke henane zao noho iaze
fahatokia bey ze anagnane aminareo. ha ty amy ndre Titosy, re ro ragniko naho mpiara-miasa amiko ho anareo.[23]
Laha ty amy ty rahalahinay, le nalefa reo fiangona iareo. [24]Kea amboaho amy ty fiangona ty anto ty fireharehanay
mikasike anareo.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 9

1Mikasike ty asa fanompoa ho ahy ty mpino, Tsy vatane mpaiviko ty manoratse ho anareo. 2Haintso ty mikasike ty
fagniriako, ze ereharehako amy ty ndaty ndre Makedonia. Nitaliliko aiereo te Akaia le fa vonogne nanomboke
tamy ty tao lasa. Ty zotom-ponareo ro nanosike ty ankamaroa iareo hiasa.3Vaho nirahiko ty rahalahy soa tsy
zaka-foa ty fireharehantika mikisake anareo, vaho soa ho miamby nareo, arake ty fanitaliliko nareo. 4laha tsy ay,
laha misy makedoniana maro miarake amiko vaho mahisake anareo mboe tsy vonogne, le ho megnatse tika-tsy
mitalily na ino na ino mikasike anareo raho-noho ty fahatokia anareo. 5Le mieritseritse raho te mpaiave ty
mamporisike reo rahalahy handegan agne aminao vaho hanao fifagnaraha mialoha ty amy ty fagnomeza
fanampagnantenainao. Zay le ahafaha miboake manahake ty fitahia, te tsy manahake ty raraha tsy azo eke.6Ty
vatagne reke le toy: Ty raeke ze mamafe kele le hitongy ty kele avao kea, vaho ty raeke ze mamafe amy ty tanjom-
pitahia le hitonge fitahia avao kea. 7Apoho ty kiraikiraike hagnome arake ze fa nirafetine tao agn'arofone. Ko
apoke magnome fihakea na fanereterena reke. Te ty mpagnome am-pafalea ro tea ty Andragnahare.8Vaho
Andragnahare le afake mampitombo ty fitahia ho anao, soa, amy ty raraha iaby, le afake hahazo ze mpaiavinareo
iaby sanandro nareo. Zay ro misy le soa ahazahoanareo manatombo ty asa soa nareo. 9Zay le arake ty voasoratse
tihoe: "Nizarane reo hanagnane vaho nagnome aze regne ho ahy ty mijale. Maharitse zisikam-parane ty
fahamarignane."10Reke ze magnome voa ho ahy ty mpambole ze mitonge naho mofo ho ahy ty mahatanjake, le
hagnomea naho hampitombo ty voanao avao kea ho amy ty famahafaza. hampitombo ty vokatse ty
fahamarignanao reke. 11Hahazo hanagna amy ty fomba iaby riha soa hahaavy anao ho malala-tagna. Zay le
handay fanehoam-pisoara ahy ty Andragnahare amy ty alalaney.12Ty fagnatanteraha io asa fanompoa io le tsy
vita ty tihoe mahafeno ty zavatra mpaivy ty mpino avao. Mitombo avao kea zay amy ty asa fagnomezam-pisaora
ahy ty Andragnahare maro. 13Te noho ty fitsapa anareo ze voaporofo amy io asa io, le hagnome asy ahy ty
Andragnahare kea nareo amy ty fankatoava ty fibabohanareo amy ty filazantsara ndre Kristy. Le hagnome asy
ahy ty Andragnahare kea nareo amy ty fahalalahan-tagnanareo amy ty fagnomeza ho ahy iareo naho ty ndaty
iaby. 14Magniry anao iareo, vaho mivavake ho anao iareo. Manao zay iareo noho ty habey ty fahasoava ty
Andragnahare ao aminao. 15Ho ahy ty Andragnahare vatagne ty saotse noho ty fagnomezane tsy hay talily!



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Raho, Paoly, mangatake anareo ty vatako, amy ty fagnetren-tegna naho hamoram-pagnahy ndre Kristy. Maleme
fagnahy raho lafa eo amy ty fagnatrehanareo, feie mahasake ty aminareo raho lafa tsy eo. [2]Mangatake aminareo
raho, tsy mipay mahasake amy ty fahatokian-tegna. Feie raho mieritseritse te mipay mahasake manohitse reo ze
mandinike te tika miaigne arake ty nofotse.[3]Te na zay kea le mandeha arake ty nofotse zahay, tsy miale arake ty
nofotse. [4]Te ty fialia ze ialianay le tsy arake ty nofotse. Noho zay, mana here bak'agne an-dagnitse reo soa
hamoteha ty fagnahy rate. Te tsy manday na ino na ino ty hevi-pitagn'iareo.[5]Ho simbantika avao kea reo raraha
ambo ze mampitsanga fanohera ty fahaiza ahy Andragnahare. Te mihevitse ty hambabo ty kiraikiraike amy ty
fankntoava ahy ndre Kristy tika. [6]Vaho miomagna amy ty famaiza ty fihetika tsy fankatoava iaby tika vantane vao
iaby fankatoavanareo.[7]Jereo mazava ze eo agnoloanareo. Te na ia na ia ro rese lahatse te reke ro Kristy, lonike
hampahatiaro ty vatane reke te reke vantane le Kristy, le manahake zay kea tika. [8]Eka te na le mirehareha kele
kea raho mikasike ty fahefantika, ze nomey ty Tompo antika soa hanangana vaho tsy hanimba anareo, tsy ho
megnatse raho.[9]Tsy teako zay ty hampihorohoro anareo amy ty alala ty taratasiko. [10]Te ty ndaty ilane nitsara
tihoe: "matotse naho mahere ty taratasine, feie maleme ara-bata reke. Tsy maeva hojanjigne ty rehane."[11]Lonike
ty ndaty manahake regny ahay te reo tsara ao amy ty taratasinay tamy ty fotoa tsy nahateo anay le maneho ty asa
tokone ho ataonay lafa avy agne zahay. [12]Tsy mandeha lavitse zahay mampitove ty vatanay amy reo ze mitsiriry
vata. Te laha mandrefe ty vatane amy ty ahafa iareo vaho mampitaha ty vatane amy ty hafa, le tsy ho mitao.
[13]Tika, na zay kea, tsy hirehareha mihoatse ty tokone ho ie. Te kea, ataonay aavao zay ze misy fetrane arake ty
nanendre ty Andragnahare anay, fetra ze mikasike anareo. [14]Te tsy mitao ty vatanay zahay lafa avy tegne
aminareo, Zahay ro avy voalohane hatragne aminareo niarake tamyt y filzantsara ndre Kristy.[15]Tsy nirehareha
mihoatse ty fetra tika ty mikasuke ty asa ty ilane. Feie kea, antenaignay te hitombi finoanareo amy ty asa bey
miambe ty kiraikiraikew, vaho sambe amy ty fetrane iaby. [16]Te zao ri antenaignay, soa ahafahanay mitory ty
filazantsara na le agne amy ty toera lavitse anareo kea. Tsy hirehareha mikasike ty asa fe vita taggne amy ty
faritse hafa tika.[17]"Feie lonike ty raeke ze mirehareha, hirehareha ao amy ty Tompo." [18]Te tsy iaze raeke ze
magnoloa ty vatane ro inae. Feie kea, lonike iaze raeke ze nagnome ty Tompo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 11

1Magniry raho soa ahafahanareo mmagnenga ahike hanao hadala kele ilane. Te vantane magnenga ahike nareo!
2Te mamarahy ty mikasike anareo raho. Mana ty farahy arake ahy ty Andragnahare aminareo raho, hatramy ty
nagnomezako toke anareo tao amy ty fanambalia ho ahy ty vale raeke avao. Nagnome toke raho ty hagnome
anareo manahake ty ampela mbo tsy mahasake lahy ho ahy ndre Kristy.3Te matahotse raho sode, manahake ty
namitaha ty menara ahy Eva tamy ty alala ty hafetsene, ty eritseritsareo le mete hiala amy ty fangomeza-tegna
amy ty hity ty arofo naho malio amy ndre Kristy. 4Te eretsereto tihoe misy ndaty raeke avy hitore Jesosy hafa
noho iaze raeke tafarantika. Na eretsereto tihoe mandrambe Fagnahy hafa noho ze rambesinareo nareo. Na
eretsereto tihoe mandrambe filazantsara hafa noho iaze raeke ze nirambesinareo nareo. Mamela regny raraha
regny soa avao nareo!5Satria mieretseretse raho te tsy farane ambane noho reo talily tihoe apostole ambone. 6Te
na le tsy nizara nandaha-tene kea raho, le nizara tamy ty fahalala. Temy ty fomba iaby naho tamy rei raraha iaby
le nataonay ho hainareo zay.7Nao nanao rate vao raho tamy ty fanetren-tegnako soa hisondrotanareo? Te nitory
ty filazantsara ty Andragnahare maimaimpoagne ho anreo raho. 8Nandrava reo fiangona hafa raho tamy ty alala
ty fagneke fanohagna bak'amy reo soa ahazahoako manompo anareo. 9Lafa niarake taminareo raho naho nila
fagnampea, le tsy nagnavesatse na ia na ia. Te reo raraha nipaiko le nome reo mpirahalahy ze avy bak'agne
Makedonia. Tamy ty raraha iaby le nitao ty vatako tsy ho anta-mavesatse aminareo raho, vaho hanohy hanao zay.
10Laha tao amiko ty fahamarigna ndre Kristy, le tsy hangina ze fireharehako zay agne amy ty faritse ndre Akaia.
11Nanao akore? Satria tsy teako vao nareo? Andragnahare mahay.12Vaho ty raraha ataoko le mboe ho ataoko avao,
soa mete ahazahoako mangalake ty fitaraigna noho ty fagnakiagna ahike naho ty fitaraigna noho reo ze tea iareo
hirehareha__te iareo le hisake manao asa mitove amy ze ataonay. 13Te ty ndaty manahake zay le apostoly sandoke
naho mpiasa mamitake. Iareo le manao sarentsare ty vatagne manahake ty apostole ndre Kristy.14Vaho zay le tsy
mahavere, te na ty satana kea mampimboake ty vatagne manahake ty anjely ty fahazava. 15Tsy mahavere sase
laha manehi ty vata iareo manahake ty mpiasa ty fahamarigna reo mpiasane. Ty anjara iareo le ze maeva ty asa
iareo.16Atililiko ndraeke tihoe: "Ko apoko hisy hieretseretse tihoe adala raho. Te laha manao zay nareo, le
tambeso manahake ty adala raho le soa hirehareha kele. 17Ze tatiliko mikasike toy fahatokia mirehareha toy le tsy
arake ty talily ty Tompo, te mirehake manahake ty biloka raho. 18Te fa maro ty ndaty ro mirehareha arake ty
nofotse, le hirehareha avao kea raho.19Nagnina am-pifalea reo adala nareo. Le tihoe hendre ty vatanareo! 20Te
mandefitse amy ty ndaty nareo laha magnandevo anareo mandane anareo, magnararaotse anareo, mandrambe
ty vatagne ho ambone noho nareo, na laha mamofoke tampife anareo reke. 21Ho taliliko amy ty fahafaham-
barakanay te malelme loatse zahay tamy ty fanaova zay. Laha misy mirehareha__le mirehake manahake ty adala
raho__Raho avao kea le hirehareha.22Hebreo vao iareo? Raho avao kea. Israelita vao iareo? Raho avao kea. Tarana
ndre Abrahama vao iareo? Raho avao kea. 23Mpiasa ndre Kristy vao iareo? (Mirehake manahake ty ndaty vere zay
raho.) Mihoatse noho zay raho. Mboe niasa mafe nihoatse noho zay kea raho, tagne am-pingandra matetike, tamy
ty fofoke mihoatse ty fepetra, tamy ty fiatreha loza maro mahafate.24Bak'amy ty alala reo jiosy ro nandraisako
"fofoke efapolo latsake raeke" Indime. 25Entilo raho ro nifofohy tamy ty hetae. Ndraeke raho ro nitorahe vato.
Intelo raho ro vake sambo. Nandane halike raeke naho andro raeke tegna an-dranomase raho. 26Nandeha
matetike raho, tamy ty loza ty sihanake, tamy ty loza reo mondrava, tammy ty loza ty ndatiko manoka, tamy ty
loza reo Jentilisa, tamy ty loza tagne amy ty tanà, tamy ty loza tagne amy ty tane tsy misy raraha, tamy ty loza
tagne an-dranomasy, tamy ty loza bak'amy reo rahalahy sandoke.27Fa tamy ty asa mafe naho zaka-sarotse raho,
tamy ty halike misy torimaso, tamy ty hakere naho harandrano, tamy ty fifalia hane matetike, tamy ty nitse naho
tsy fisikina. 28Ankoatse ty zaka hafa, misy tindre san-andro amiko noho ty fagnahiako amy ty fiangona iaby. 29Ia ro
maleme, le tsy maleme raho? Ia ro manafintohy, le tsy mirehatse raho?30Laha tsy maintse mirehareha raho, le
hirehareha mikasike ze manheo reo fahalemeko. 31Iaze Andragnahare naho Rae ndre Tompo Jesosy, iaze raeke ze
antsay zisikam-parane, le mahay te tsy vande raho!32Tane Damaskosy, ty governora ambane ndre Areta mpanjaka
le niambe ty tanà ndre Damaskosy soa hisambotse ahike. 33Te nampizotso tamy ty haro teo amy ty varavaran-kele
raeke teoa amy ty fefe vato raho, le nikay ty tagnane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 12

[1]Raho le tsy maintse mirehareha, te tsy misy na ino na ino azo bak'amy zay. Te ino na ino azo bak'amy zay. Te
raho le hanohy ty amy reo fahisaha naho reo fagnamabara bak'amy ty Tompo. [2]Mahay lehilahy ao may ndre
Kristy raho ze folo efats'ambe rao lasa zay__na ao amy ty vata na ambalike ty vata, raho tsy mahay,
Andragnahare mahay__nala niakatse tagne amy ty lagnitse faha telo.[3]Vaho haintso te io lehilahy io__na ao amy ty
vata, na ambalike ty vata, raho tsy mahay, Andragnahare mahay__[4]le nalay niakatse tao amy ty paradisa vaho
nadre raraha ze vatagne masy loatse amy ty ndaty ty hitalily aze. [5]Amy ty agnara ty ndaty manahake zay le
hirehareha raho. Te amy ty agnara ty vatako le tsy hirehareha raho, ankoatse ty miaksike reo fahalemeko.[6]Laha
te hirehareha raho, le tsy ho adala raho, te hitalily ty to. Te hifehe vata amy ty firehareha raho, soa tsy hisy na ia
na ia hihevitse ahike ho ambone noho ze hisake amiko na heno bak'amiko. [7]Hifehe vata amy ty firehareha avao
kea raho noho reo karaza fagnambara miavake reo. Noho zay, soa tsy ho feno firehareha raho, le nasia fatike ty
nofotsiko, ty mpinday hafatse ndre Satane hagnakoronta ahike, soa tsy hirehareha loatse raho.[8]Intelo raho no
nisoloho tamy ty Tompo ty mikasike zay, soa hagnafahane zay amiko. [9]Te nanao tihoe reke Tamiko: "Ampe ho
anao ty fahasoavako, te ty here le natao ho lafatse ao amy ty fahalemea." Aleoko mirehareha bey loatse ty amy ty
fahalemeko, soa hitoboaha ty here ndre Kristy ato amiko. [10]Noho zay finaritse noho re Kristy ao amy ty
fahalemea, amy ty fagnenjeha vaho ao amy ty fotoan-tsarotse raho. Te na ombia na ombia maleme raho, le
matanjake.[11]Raho le lasa adala! Nareo ro nanere ahike amy zay, te raho le tokone noderainareo. Te raho le tsy
ambane noho reo ze kaihe tihoe apostole ambone reo zao, na le tsy misy dikane kea raho. [12]Reo famantara to ty
maha Apostole le nitanterahy teo aminareo tamy ty fahareta iaby, famantara naho haveregna vaho asa
mahavere. [13]Te hanao akore nareo ro tsy manan-danja noho reo fiangona sasane, ankoatse ty tsy maha vesatse
ahike ho anareo? mamelà ahike noho zay fahadisoa zay![14]Ingo! Vono ho avy fagnintelone agne aminareo raho.
Tsy ho vesatse ho anareo raho, te raho le tsy mipay ze anareo. Nareo ro mpaiko. Te tsy ty anake ro tokone hihare
ho ahy reo rae aman-drene. Te kea, reo rae aman-drene ro tokone hihare ho ahy reo anake. [15]Raho le ho fale
tanterake handane naho ho lanie ho ahy ty fagnahinare. Laha mitea bey anareo raho, le hotiave kele vao raho.
[16]Te na manahake zay kea tsy nagnavesatse anareo raho. Te, satria raho fetsifetse bey, le rahi iaze raeke ze nahazo
anareo tamy ty fitake. [17]Nao nagnararaotse anareo tamy ty alala ty ndaty ze nalefako taminareo vao raho?
[18]Nagnirake malake ahy ndre Titosy ho agne aminareo raho, vaho nalefako niarake taimne reo rahalahy ilane.
Nao nagnararaotse anareo vao re Titosy? Nao tsy miray lala vao tika? Nao tsy lia raeke vao tika?[19]Nao
mieritseritse nareo te agnate zay fotoa iaby zay le niaroty vatagnay taminareo zahay? eo agnatreha ty
Andragnahare, ro irehafanay teo amy ndre Kristy ty raraha iaby soa ho fampahereza anareo.[20]Te matahotse raho
soa lafa avy raho le mete tsy hahisake anareo arake ty fagnantegnako. Matahotse raho soa tsy ho hisanareo araek
ty fagnantegnanareo. Matahotse raho te sao le mete hisy siake, fagniria amy ty fitiavan-tegna, tsiko, firehareha,
vaho fikorontagna. [21]matahotse raho soa lafa mimpole, le hanetre ahike eo agnatrehanareo ty Andragnahareko.
Matahotse raho sao mete halahelo ty amy reo maro ze nanao rate teo aloha, le mbe tsy nibebake tamy ty
fahalotoa naho fijangajanga vaho ty fipozipozia feno fagniriandrate ze natao iareo.

Chapter 13

[1]Fagnintelone zao ro nandalovako atoy aminareo. "Ty fitana iaby le tsy maitse mitsanga amy ty porofo amy ty
vavolombelo roa na telo." [2]Fa nitsara tamy reo ze nanao rate ao taloha naho tamy reo ambane iaby lafa teo
fagnindroane, vaho ataliliko ndraeke zay: "Lafa avy ndraeke raho, le tsy hahaferegnay aiereo raho."[3]Mirehake
anareo zay raho satria nareo le mipay porofo te re Kristy le mitsara amy ty alalako. Tsy maleme aminareo Reke.
Te kea, mahere ao aminareo Reke. [4]Te Reke nifantsihe amy ty fahaleme, feie velo tamy ty here ty Andragnahare.
Te tika kea le maleme ao amine, feie tika le miara-miay amy ty here ty Andragnahare eo agnivonareo.[5]Dineho ty
vatanareo laha teanareo ho hisake te ao amy ty finoa nareo. Tsapao ty vatagnareo. Tsy mboe azonareo an-tsay
vao zay mikasike ty amy ty vatagnareo te re Jesosy Kristy le ao aminareo? -Laha ohtse nareo le tsy nahombe tamy
ty fitsaoa. [6]Vaho raho matoke te nareo le hagneke te tika le nahombe amy zay fitsapa zay.[7]Henane zao tika le
mivavake amy ty Andragnahare te tsy afake ty anao raraha rate nareo. Raho le tsy mivavake ty afake ahisaha te
tika le nahombe amy ty fitsapa. Te kea, raho le nivavake ty soa ahafahareo manao ze mete feie tika le mete ho
hisake hanahake ty tsy nahombe tamy ty fitsapa. [8]Te tika le tsy afake ty hanao raraha manohitse amy ty
fahamarigna te ho agne ty fahamarigna arere avao.[9]Te tika le mifale lafa maleme vaho mafe nareo. Te tika avao
kea le mivavake soa ho ataontika feno nareo. [10]Manoratse reto iaby reto raho laha magnalavtse anareo raho, lafa
miarake aminareo raho tsy voatere manday anareo amy ty siake amy ty fampiasa ty fahefako- ze nomey ty
Tompo ahike, soa ampitsanganako anareo, vaho tsy hanimba anareo.[11]Farane, rahalahy, mifalea! miasà ho amy ty
famregna amy ty toerane, mahereza, mifagneke ty kiraikiraeke, miaignà am-piadagna le hiarake aminareo.
[12]Mifanalamà nareo amy ty fagnoroha Masy.[13]Reo mpino iaby le nanao veloma anareo. [Fagnamariha: Reo dikan-
tene sasane le sambe magnambatse ty andinine faha 13 amy ty andinine faha 12 vaho manoa ty andinine faha 14
ho andinine faha 13.] [14]Lonike ty fahasoava ty Tompo Jesosy Kristy, ty fitiava ty Andragnahare, naho ty fiaraha
amy ty Fagnahy Masy ho ao aminareo iaby.

# Galatians

Chapter 1

[1]Paoly, apositoly_tsy apositoly bakamity ndaty ndra tamity alala ty ndaty, fa bakamy jesosy Kirisity vaho ty
Zagnahare Rae, te nananga Aze tamity mate_[2]naho reo rahalahy iaby miarake amiko, hoahy reo fiangona
Galatiana:[3]Hasoava ho aminareo naho fiadagna bakamin'Agnahare Raentika vaho Jesosy Kirisity Tompo, [4]te
nanolotre ty vatane hoahy ty hadisonatika mba hagnafahane antika amizao andro ty haratia zao, arake ty
sitrampon'Agnahare vaho Raentika, [5]ho Aze anie ty hasy zisikagne doria. Amena.[6]Gaga raho ty hoe niala malaky
tamity nikaike anareo tamity hasoava Kirisity nareo. Gaga raho fa mitolike ho amity zaka soa hafa nareo. [7]Tsy
midika kea zay fa misy zaka soa hafa, fa misy ndaty maro ze manday koronta ho anareo naho te hagnova ty zaka
soa Kirisity.[8]Fa ndra zahay ndra anjele bakagne andagnitse aza ro hitalily zaka soa hafa aminareo naho ze
nitalilianay taminareo, le ao re ho voa ozo. [9]Arake ze nirehafenay taloha, le henanezao raho magnambara
ndraike ty hoe:"Laha misy ndaty magnambara aminareo zaka soa hafa naho ze niraesenareo, le ao re ho voaozo."
[10]Feie vao raho henanezao mipay ty fagnenkea ty ndaty sa Zagnahare? Feie vao raho mipay ze hampifale ty
ndaty? Laha mboe manohy miezake ty hampifale ndaty raho, le tsy mpanompo Kirisity.[11]Fa teako ho hainareo, ry
rahalahiko, fa ty zaka soa ze nambarako le tsy talilisoagn'ondaty. [12]Tsy nandrae nandrae zay tamity ndaty raho,
ndra nampianareo ahy zay. Fa kea, zay le fagnambara Kirisity Jesosy tamiko.[13]Fa nareo naharey ty amity haveloko
talohatamity fomba fivavaha Jiosy, vaho ty fomba nanesehako ty fiangonan'Agnahare mihoatre ty tokone ho ie
naho ty fiezahako handrava zay. [14]Nandeha tamity fivavaha ty Jiosy raho nihoatre ty maro tamireo nitovy tao
tamiko, bakamireo firene raike tamiko. Hoe zay ty fomba nitanako mafe reo fomban-drazako.[15]Kanefa Zagnahare,
ty nanoka ahy zisikagne an-tron-dreneko, naho nikaike ahy tamity alala ty hasoane, [16]laha fa fale ty hanoro ty
Anadahine tamiko, mba hahafahako magnambara Aze agne amity Jentilisa, le tsy nangalake say amity nofo vaho
lio amizay raho. [17]Tsy niakatre tagne Jerosalema hoagne amireo le fa lasa Apositoly talohako raho. Fa kea, nadeha
tagne Arabia naho bakeo nihere tagne Damaskosy raho.[18]Naho telo tao tafara le niakatre tagne Jerosalema mba
hifankahay tamy Kefasy raho naho nijano niarake tamine zisike ty dime ambifolo andro. [19]Fa tsy nisy hitako reo
Apositoly hafa Jakoba, ty rahalahy Tompo. [20]Naho ao amize sorateko ho anareo, le magnomea toky anareo raho eo
agnoloan'Agnahare, fa tsy mavande raho.[21]Bakeo raho le nadeha tagne amity faritre Syria vaho Kilikia. [22]Tsy mboe
hay teo amireo fiangona Jodia te ao amy Kirisity raho. [23]Rey iereo avao ze voatalily ty hoe:" Ty lahilahy ze


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

nagnenjeke antika taloha henanezao le magnambara ty finoa ze niezahane pinoteke taloha." [24]Laha zao iereo le niantsa an'Agnahare naho ty amiko.

## Chapter 2

[1]Efatre ambifolo tao tafara atoy le niakatre tagne Jerosalema ndraike raho niarake tamy Barnabasy, le nanday
Titosy niarake tamiko. [2]Niakatre tagne naho ty fagnambara raike raho naho nametrake teo amiereo ty zaka-soa
ze talilieko amireo Jentilisa. Nirehake mitoka tamireo ze nidinehe ho manan-danja raho, mba hahazoa antoke fa
tsy nilailay_ndra le fa nilailay_vere maike raho.[3]Fa ndra Titosy aza, ze niarake tamiko ro vaho Grika, le sinere ho
voasatre. [4]Nilitre mangike reo rahalahy sandoke mba hijilo ty fahafaha hanagnanay ao amy Kirisity Jesosy.
Nagniry ty hagnandevo anay iereo, [5]fa tsy nimete ty hagnenke iereo ndra le andro kele aza zahay, mba hitoboha
ty hamarea ty zaka soa aminareo.[6]Fa reo ze nidinehe ho manan-danja( ndra ino ino iereo le tsy mampagnino ahy,
Zagnahare le tsy mavande)_rehafeko, reo, ze dinehe ho manan-danha le tsy nagnampe ndra ino ino tamiko.
[7]Mifandietre amizay, hita iereo fa nagnankina ty zaka soa hoahy reo ze tsy voafora raho, manahake ty nagnakina
Petera ty zaka soa hoahy reo ze voasavatre. [8]Fa Zagnahare, te niasa tao amy Petera ho amity maha-apositoly
hoahy reo ze voasavatre, le niasa tamiko ato avao kea hoahy reo Jentilisa.[9]I Jakoba, Kefasy, naho Jaona, te hay fa
agnate reo nagnore ty fiangona, laha fa nahay ty hasoava ze namea ahy, le nagnomea ty tagna ankavana ty
fiombogna hoahy vaho Barabasy iereo. Natao iereo zay mba hahafahanay mbaeo amity Jentilisa, naho mba
hahafaha iereo mbaeo amireo ze voasavatre. [10]Nangatake avao iereo mba hahatiaro ty mahantra zahay, te zaka
vatane teako hatao kea.[11]Fa laha fa niavy tagne Antioka Kefasy, le nandietre aze teo amity vatane raho satria
voatalily fa diso re. [12]Taloha ty nahavia reo lahilahy ilane bakagne amy Jakoba, le teo am-pihinana niarake
tamireo Jentilisa ty Kefasy. Te laha fa niavy reo lahilahy reo, le nijano re naho niala lavitre reo Jentilisa.
Natahotre reo ze nitake fanavara re.[13]Ty sisa tamireo Jiosy kea le niarake tamizay fihatsaram-belatsihy zay. Ndra
Barnabasy aze le voaotake lala niarake tamiereo tamity fihatsaram-belatsihy iereo. [14]Fa laha fa hitako fa tsy
magnorike ty hamarea ty zaka-soa ty etam-bata iereo, le nirehake tamy Kefasy raho teo agnoloa ie iaby raho ty
hoe:"Laha Jiosy riha kanefa mivelo manahake ty Jentilisa fa tsy manahake ty Jiosy, akore ro hahafahanao manere
reo Jentilisa hivelo manahake ty Jiosy?"[15]Tika le Jiosy tamity alala ty hateraha fa tsy mpanota Jentilisa; [16]haintika
anefa fa tsy misy ndaty hamaregne ty asa ty lily fa amity alala ty finoa Kirisity Jesosy. Tika avao kea le niavy
tamity finoa Jesosy Kirisity mba ho hamaregne amity finoa Kirisity fa tsy amity asa ty lily. Fa tsy hisy nofo ho
hamaregne amity asa ty lily.[17]Fa laha ohatre ka, mipay ho hamaregne ao amy Kirisity tika, tika avao kea, le hita fa
mpanota, feie mandrisike ty hadisoa are vao Kirisity? Aha tsy zay! [18]Fa laha mananga ndraike reo zaka le fa
rinavako taloha raho, le magnamare ty vatako ho mpandika lily raho. [19]Fa tamity lily ro nifatezako amity lily, mba
ho velo ho an'Agnahare raho.[20]Nivonoe niarake tamy Kirisity raho. Tsy zaho sase ro velo, fa i Kirisity ro velo
agnateko ato. Ty havelo iaignako ao amity nofo henanezao le iaignako amity finoa ty Anan'Agnahare, te tea ahy
ka nanolotre ty vatane hoahy. [21]Tsy magnila ty hasoan'Agnahare raho, fa laha azo amity lily ty hamarea, le tsy
misy dikane ty nifateza Kirisity!


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Ry Galatiana Gege! Ia ro namosavy anareo? Teo amasonareo vatane ro nanoroa Jesosy Kirisity voavono. [2]Zao
avao ro zaka teako ianara aminareo: Nandrae ty Fagnahy tamity asa ty lily sa tamity finoa ze reinao nareo? [3]Gege
vatane vao nareo? Niatomboke tamity Fagnahy nareo, le hiafara amity nofo vao henanezao?[4]Feie niaretre zaka-
maro tamity tsy misy antone vao nareo_fa laha vatane zaka-foa vatane are zay? [5]Feie vao re te magnomea ty
Fagnahy anareo vaho manao asa mahagaga eo aminareo le manao zay amity asa ty lily, sa amity fidranjigna
amity finoa?[6]Manahake Abrahama" ino an'Agnahare naho nidineke ho hamareane zay," [7]le hoe zay, haizo, fa reo
ze amity finoa le ana i Abrahama. [8]Ty soratre Masy, nahita aloha fa Zagnahare hagnamare reo Jentilisa amity
finoa, le nitalily ty zaka soa taloha tamy Abrahama, nanao ty hoe:"Bakaminao ro hitahia ty firene iaby." [9]Ka, reo
ze amity finoa le voatahy miarake amy Abrahama, ty ndaty ty finoa.[10]Reo ze mianky amity asa ty lily le eo
ambane ty ozo; fa voasoratre ty hoe:" Voaozo iaby ze tsy magneke ty zaka iaby voasoratre ao agnate ty boke ty
lily, vaho mano rey." [11]Henanezao le mazava fa tsy misy ndaty ze hamaregne eo agnoloan'Agnahare amity alala ty
lily, satria ty mare le ho velo amity finoa. [12]Fa ty lily le tsy arake ty finoa, fa kea," Ty ndaty ze manao ty asa ty lily
le tsy mahaintsy velo amireo."[13]Kirisity nagnavotre antika tamity ozo ty lily tamity nahaviane ho ozo ho antika_ fa
voasoratre ty hoe:" Voaozo iaby ze mihanto amity hetae"_ [14]mba ho lasa amity jentilisa ty fitahia Abrahama ao
amy Kirisity Jesosy, mba ho amity finoa ro hahazoantika ty fampagnategna ty Fagnahy.[15]Ry rahalahy, engao raho
hirehake arake ty fatao ty ndaty. Ao amity fifagnaraha atao ty ndaty, tsy misy afake magnafoa ndra magnampe
zay ao, laha fa tafapetrake ty lily zay. [16]Naho reo fampagnategna le natalily tamy Abrahama vao tamireo fokone.
Tsy mitalily zay ty hoe:"Hoahy ty foko," manondro ndaty maro, fa kea ndaty raike avao," hoahy ty fokonao.[17]Naho
zao ro teako ho rehafe:"Ty lily ze lasa telo-polo vaho efa-jato tao tafara atoy, le tsy hahafoa ty fagnenkea ze le fa
natobon'Agnahare mialoha. [18]Fa laha bakamity lily ty vola, le tsy bakamity fampagnategna sase zay. Fa Zagnahare
nagnomea zay Abrahama tamity alala ty fampagnategna.[19]Ino, are, ty dine ty lily? Nasia zay naho reo fandikan-
dily, mandram-pahavia ty foko Abrahama eo amize nagnanova ty fampagnategna. Ty lily le natao ty mpagnalala
raike ho manan-kere tamity alala ty anjele. Fa ty mpagnalala le midika ndaty mihoatre ty raike, kanefa
Zagnahare le raike.[21]Feie vao ty lily mandietre reo fampagnategnan'Agnahare? Sagnatria zay! Fa laha nisy lily
nagnomea ze afake magnomea havelo, le bakamity lily vatane ty hamarea. [22]Fa ty Soratre Masy nagnagadra ty
zaka iaby ambane ty hadisoa. Nanao zay Zagnahare mba hagnomea hoahy reo mino ty fampagnategna ty
hagnavota antika amity alala ty finoa Jesosy kirisity.[23]Naho taloha ty nahavia ty finoa, tika le nitane ho azo tao
ambane ty lily, ginadra mandram-pisehoa ty finoa. [24]Ka bakeo ty lily le lasa mpiambe antika mandram-pahavy
kirisity, mba ho voamare amity finoa tika. [25]Fa zao le avy ze finoa zay, ka tsy eo ambane ty mpiambe sase tika. [26]Fa
nareo iaby le anan'Agnahare ao amity finoa Kirisity Jesosy.[27]Fa maro aminareo ze natao batisa tao amy Kirisity, ro
nandrae Kirisity. [28]Naho tsy misy sase ndra Jiosy ndra Grika, ndra andevo ndra ndaty hafa, ndra lahy ndra vave,
fa raike avao nareo ao amy Kirisity . [29]Ka laha ahy Kirisity nareo, le foko Abrahama, vaho mpandova arake ty
fampagnategna nareo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 4

[1]Mirehake raho fa ty mpandova, laha mboe kolo re, le tsy hafa amity ndevo, ndra le tompo ty zaka iaby. [2]Kanefa re le eo ambane fifehea reo mpiambe vaho reo mpamory zaka-lafovily mandram-pahavy ty date ze nataon-draene.[3]Ka hoe zay avao kea, tamy tika mboe kolo, le nindevoze reo lily tsipim-pianara zao iaby zao. [4]Fa laha fa niavy ty hafenoa ty fotoa, le nandefa ty Anane Zagnahare, te nateran-ampela, naterake tao ambane ty lily. [5]Nanao zay Re mba hagnavota reo ze ambane ty lily, mba hahafahantika mandrae ty fanangana ho anake.[6]Naho satria anake nareo, le nirahen'Agnahare ho ao ampontika ty Fagnahy ty Anane, te manao ty hoe:"Baba, Rae." [7]Laha zao tsy ndevo sase riha, fa anake, naho laha anake, le mpandova amity alalan'Agnahare avao kea riha.[8]Fa tamize andro zay, tamy nareo tsy nahay an'Agnahare le natao ho ndevo reo ze, amity here voanjagnahare, le tsy zagnahare kea. [9]Fa henanezao nareo le lasa mahay an'Agnahare, ndra kea ty hoe hain'Agnahare nareo, ka akore ro hiheregnanareo amity abodiam-pianara maleme ro vaho tsy misy antone? Te ho andevoze ndraike vao nareo? [10]Mandineke reo andro vaho reo volagne raho naho reo andro vaho reo tao nareo! [11]Matahotre ty aminareo raho fa tsy ne ho zaka-foa ty asako taminareo.[12]Mangatake anareo raho, ry rahalahy, manova hoeko, satria raho avao kea le fa lasa hoenareo. Tsy nanao raty tamiko nareo. [13]Kanefa hainareo fa naho ty aretem-batako ro nagnambarako anareo ty zaka soa tamity voalohane. [14]Ndra le nanday anareo tamity fangalam-pagnahy aza ty vatako, le tsy nanao tsinontsino ndra nagnifike ahy nareo. Fa niraesenareo hoe ty hoe anjelen'Agnahare kea raho, hoe ty hoe zaho kea ro kirisity Jesosy.[15]Aia, naho zao, ty hasoavanareo henanezao? Fa mpitsanga vavolombelo aminareo raho, fa laha azonareo atao, le nafahanareo ty masonareo naho nameanareo ahy zay. [16]Ka laha zao, te fa lasa fahavalonareo vao raho satria mitalily aminareo ty mare?[17]Iereo le mazoto ty hitao anareo, fa tsy amity soa. Te hagnily anareo agne ambalike iereo, mba hanagnanareo zotom-po hoahy iereo. [18]Soa avao ty mana zotom-po amity vetrevetre soa, naho tsy laha fa miarake aminareo avao raho.[19]Ry anako, mboe mijale amity fangirifiry ty haterake ho anareo ndraike raho mandram-piforo Kirisity ao aminareo. [20]Magniry aminareo henanezao naho hagnova ty feoko, satria sahiran-tsay naho ty aminareo raho.[21]Rehafo amiko, nareo ze magniry9 ty ho eo ambane ty lily, feie tsy midranjy ty lily vao nareo? [22]Satria voasoratre fa i Abrahama le nanagnanake roe lahy, ty raike bakamity ndevo vave naho ty raike bakamity ampela afake. [23]Fa ty raike le natera ty ndevo vave arake ty nofo, fa ty raike hafa le natera ty ampela tamity tsara fampagnategna.[24]Reo zaka reo le azo raese ho hoe ty fagnohara, satria reo ampela reo le magnambara fagnenkea roe. Ty raike amiereo le bakamity vohitse Sinay naho niterake kolo ndevo re. Ire le i Hagara. [25]Naho Hagara le manoro ty vohitse Sinay agne Arabia; naho manoro Jerosalema amize andro zao, satria nindevoze niarake tamireo anane re.[26]Fa Jerosalema te agne ambone le afake, naho re ro renentika. [27]Satria voasoratre ty hoe:"Mifalea, riha ry tsy miterake. Mikaiha mafe naho manoa korake hafalea, riha ze tsy mijale amity fangirifiry ty haterake. Satria reo ana ty ampela ze nafoe le maro naho ty ahy reo ampela manambaly."[28]Fa nareo, ry rahalahy, manahake Isaka, le ana ty fampagnategna. [29]Tamize andro zay ty ndaty ze terake arake ty nofo le nagnenjeke ze terake arake ty Fagnahy. Hoe zay avao henanezao.[30]Kanefa ino ro rehafe ty soratre masy?"Alefaso agne ty ndevo vave vaho ty anadahine. Fa ty anadahy ty ndevo vave le tsy hizara lova miarake amity anadahy ty ampela afake." [31]Laha zao, ry rahalahy, tsy ana ty ndevo vave tika, fa ana ty ampela afake.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Ho amity fahafaha ro nagnafaha Kirisity antika. Mioregna soa, laha zao, ko mete ho ao ambane ty zoga ty
fagnandevoza ndraike. [2]Ingo, zaho, Paoly, mirehake aminareo fa laha mamototre ty vatanareo ho savare nareo, le
tsy hahasoa anareo amity fomba iaby Kirisity.[3]Mitsangana vavolombelo amity ndaty kirai-kiraike ze mamototre
ty vatane ho voasavatre ndraike raho fa voatere hagnorike ty lily iaby re. Tafasarake ty lily Kirisity nareo, teie te
ho hamaregne amity lily; naho tsy mivelo hasoava sase nareo.[5]Fa amity alala ty Fagnahy, amity finoa, ro
handignasantika mafe ty fagnategna ty hamarea. [6]Ao amy Kirisity Jesosy le tsy midika ndra ino ino ndra
voasavatre ndra tsy voasavatre, fa ty finoa miasa amity hatea avao. [7]Fa nilay soa nareo. Ia ro nanaka anareo
amity hatea ty mare? [8]Zay fandresean-dahatre zay le tsy bakamine te nikaike anareo.[9]Lalivay kele ro nanombo ty
koba iaby. [10]Fa matoky ty Tompo raho fa tsy handrae fomba fagnente hafa nareo. Fa ty raike magnoronta anareo
ro handoa ty saze, ndra ia re ndra ia.[11]Ry rahalahy, laha mboe mitalily ty amity fanavara raho, nagnino raho ro
mboe enjehe? Amizay le afake vatane ty hatafintohy ty hetae fijalea. [12]Fa hoahy reo ze magnoronta anareo, enga
anie ka handily ty vatane iereo![13]Fa kinaike ho amity fahafaha nareo, ry rahalahy. Nefa ko ampiasae ho irake
amity paie ty nofo ty fahafahanareo; fa kea, amity alala ty hatea le mifanompoa. [14]Fa ty lily iaby le lefe ao amity
lily raike; ao amity hoe:"Tsy mahaintsy mitea ty namanao manahake ty vatanao riha." [15]Fa laha mifanifatre vaho
mifampihina nareo, le miambena tsy ne hifamoteke.[16]Fa hoe raho, mandehana arake ty Fagnahy le tsy hahalefe
ze paie ty nofo nareo. [17]Fa mandietre ty Fagnahy ty paie ty nofo, naho mandietre ty paie ty nofo ty fagniria ty
Fagnahy. Fa mifandietre reo, mba tsy hahafahanareo manao ze zaka teanareo. [18]Fa laha tahiry ty Fagnahy nareo
le tsy ho ambane ty lily.[19]Henanezao le miharehare ty asa ty paie ty nofo: fitsangatsangana, halotoa, falemelemea,
[20]fanompoan-tsampy, famosavia, fankalaigna, fifandiera, hasarotampiaro, fiakara ty heloke, fandrafea, fisaraham-
bey, fizarazara, [21]fialogna, hamamoa, fagnorontagna, naho ty zaka mitovy amizay. Mampiambe anareo raho,
manahake ty le fa nampiambenako anareo taloha, fa tsy handova ty fanjakan'Agnahare reo ze manao reo raraha
reo.[22]Fa ty voka Ty Fagnahy le fitea, hafalea, fiadagna, fahareta, hasoam-pagnahy, fanoan-tsoa, finoa, [23]halemeam-
pagnahy, naho fahafehem-bata; tsy misy lily mandietre zaka hoe zay. [24]Reo ze ahy Kirisity Jesosy le fa nanombo ty
toera lako hadisoane niarake tamity zaka-teane vaho ty paiene.[25]Laha mivelo amity Fagnahy tika, ao handeha
amity Fagnahy avao kea. [26]Ao tika tsy ho lasa mpieboebo, mifanokitse, naho mifampialo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

[1]Ry rahalahy, laha misy ndaty azo ty hadisoa, nareo ze ara-pagnahy ro tokone hampimpoly aze ndraike amity
hamoram-pagnahy. Midineha ty vatanao, mba tsy halaem-pagnahy kea riha. [2]Mifampindaisa ty mavesatre, naho
amizay le anovo ty lily kirisity.[3]Fa laha misy ndaty midineke ty vatane ho raraha kanefa tsinontsino, le mamitake
ty vatane re. [4]Tokone handineke ty asane iaby ty kirai-kiraike, mba ho amity vatane avao ty antone hireharehane
fa tsy amity ndaty hafa. [5]Fa sambe handay ty entane iaby ty ndaty kirai-kiraike.[6]Ty ndaty ze nanare ty tsara le tsy
mahaintsy mizara ty zaka soa iaby amize mampianatre. [7]Ko mete ho fitahe. Tsy hay somongae ty Zagnahare, fa
iaby ze ambole ty ndaty, ro ho hazaene kea. Hoahy ze mambole voane amity toerane feno hadisoa, le bakamizay
ro hihaza hasimba. [8]Ze mambole voane amity Fagnahy, amity Fagnahy ro hahazo ty havelo zisikagne.[9]Ao tika mba
tsy ho rerake amity fanoan-tsoa, fa hihaza ty vokatre tika amity andro mete, laha tsy milavo lefo tika. [10]ka laha
zao, satria mana fahafaha tika, le ao hanao ty soa amity ndaty iaby, vatane fa amity longo ty finoa.[11]Henteo ty
habey ty soratre ze sinora ty tagnako ho anareo. [12]Reo ze tehiseho ho soa ao amity nofo ro miezake manere
anareo mba hosavare. Manao zay re mba hiala amity fagnenjeha naho ty amity hetae fijalea Kirisity. [13]Ndra reo ze
tsy voasavatre aza le tsy miambe ty lily, nefa tea iereo ho savare nareo mba hirehareha iereo amity nofonareo.
[14]Nefa tsy hirehareha ndra mbia mbia laha tsy ty amity hetae fijale Jesosy kirisity Tompontika anie raho, te
namonoa zao iaby zao tamiko eo, naho zaho kea teo amizao iaby zao. [15]Fa ty fanavara ndra ty tsy fanavara le
sambe tsy misy dikane, fa ty fiaignam-baovao ro misy dikane. [16]Hoahy reo iaby ze velo arake ze fomba zay, le ho
amiereo anie ty fiadagna vaho ty fandefera, ndra amy Israelin'Agnahare aza.[17]Manomboke zao le ao tsy hisy
hagnoronta ahy, fa manday ty famantara Jesosy amity vatako eo raho. [18]Ho amity fagnahinareo anie ty hasoava
Jesosy kirisity Tompontika, ry rahalahy. Amena.

# Ephesians

Chapter 1

[1]Paoly, apositoly kirisity Jesosy arake ty sitrampon'Agnahare, hoahy reo ndaty masin'Agnahare agne Efesosy, te
matoky ao amy Kirisity Jesosy. [2](Fagnamarea:Misy fandika ilane magnafake ty hoe:" Ao Efesosy" feie mete ao
amity taratasy Paoly tamity voalohane zay.) Ho aminareo ty hasoava vaho fiadagna bakamin'Agnahare Raentika
vaho Jesosy kirisity Tompo.[3]Antsae anie ty Zagnahare vaho Rae Jesosy kirisity Tompontika, ty nitahy antika tao
amy Kirisity tamity fitahiam-pagnahy iaby bakagne andagnitse ao amy kirisity. [4]Zagnahare nifily antika tamine
ao zisikamity voaloha zao iaby zao, mba ho masy vaho tsy manan-tsiny agnoloane eo tika.[5]Zagnahare le nifily
antika aloha ho amity fanangana ho anake tamity alala Jesosy Kirisity, arake ty sitrampone. [6]Ty fanangana antika
le manday amity fiantsa ty hasoavane bey hasy ze nameane antika maimaimpoa tao amity Raike te teane.[7]Ao
amy Jesosy Kirisity le mahazo fagnavota amity lione vaho ty fandefera tika, arake ty haream-pahasoavane.
[8]Narotsane tamintika tamity hamarea vaho fahaia iaby ze hasoava zay.[9]Nataon'Agnahare hay tamintika ty zaka-
mihaja ty sitrampone, arake ze teane, vaho ze natorone tao amy Kirisity, [10]niarake tamity fangahara raike amity
hafenoa ty fotoa, hamoria ty zaka iaby, eto antane vaho agne andagnitse, ho loha raike, ndra kirisity aza.[11]Ao amy
Kirisity le voatendre ho mpandova tika. Finily aloha arake ty fanadahara ty mampiasa ty zaka iaby ty tanjo ty
sitrampone tika. [12]Zagnahare nanendre antika ho mpandova mba ho tika ro mana fatokisa voalohane ao amy
Kirisity, mba ho fiantsa ty hasine tika.[13]Tao amy Kirisity, nareo kea, laha fa hanarey ty reha ty hamarea, le ty zaka-
soa ty famonjea anreo, le nino Aze nareo naho voatomboke tamity Fagnahy Masy nampagnategna, [14]ze antoke
hoahy ty lovantika mandram-pahazoantika vatane zay, ho fiantsa ty hasine.[15]Laha ze antone zay, hatramity
nahareizako ty finoa nareo ty Tompo Jesosy naho ty hateanareo reo ndaty masine iaby, [16]le tsy nitofa ty nisaotre
an'Agnahare raho naho ty aminareo naho tiaroveko am-bavake nareo.[17]Mivavake raho mba ty Zagnahare Jesosy
Kirisity Tompontika, Ty Rae ty hasy, hagnomea anareo ty fagnahy ty hamarea vaho fagnambara amity fahaia Aze.
[18]Mivavake raho mba hagnazava ty maso ty arofonareo, mba hahaianareo ty toky ze nikaihane anareo vaho ty
harea ty hasy ty lovane eo amireo ndaty masin'Agnahare iaby.[19]Ao amity fivavahako le mangatake raho mba
hahaianareo ty fihoara ty habey ty herene ao amintika ze mino, arake ty fiasa ty herene bey. [20]Ze here zay ro
nampiasaen'Agnahare tao amy Kirisity laha fa natsangane tamity mate Re naho natobone teo antagnane havana
tagne andagnitse. [21]Kirisity le natobone ho ambone ty lily vaho ty fahefa naho ty here vaho fitsara, naho ty agnara
iaby ze misy. Handily Kirisity, tsy ho amize andro zao avao, fa ho amity andro hoavy koa.[22]Natobon'Agnahare ho
ao ambane ty tombo Kirisity iaby ty zaka iaby naho natolone ho loha ty zaka iaby ao amity fiangona Re. [23]Ty
fiangona ro vatane, ty hafeno ty mameno ty zaka iaby amity toerane iaby.

Chapter 2

[1]Naho ty miomba anareo, le mate tao agnate ty hadisoanareo vaho ty hadisoanareo nareo. [2]Tao amirey hadisoa
rey ro nifanta nareo taloha arake ty fomba zao iaby zao. Nivelo arake ty mpandily reo fahefa egne amity tioke
nareo, ty fagnahy ze miasa ao amireo ana ty tsy fagnenkea. [3]Nivelo teo amirey ndaty rey iaby tika taloha, nanao
reo paian-draty ty nofontika, naho nanao ty fagniria ty nofo vaho ty say. Te fa voahare ho ana ty heloke, hoe ty
anagn'ondaty sisa tika.[4]Feie manan-kare fandefera Zagnahare naho ty hateane bey te niteavane antika.
[5]Tamintika mboe mate tao agnate ty hadisoa, le vinelone niarake tamy Kirisity_tamity hasoava ro namonjea
anareo. [6]Niara-natsangan'Agnahare tika, naho niara-natobone tao andagnitse ao amy kirisity Jesosy, [7]mba
hahafahane manoro antika amity andro hoavy ty habey ty harea ty hasoavane te tsy hay metare atorone amity
hasom-pagnahine amintika ao amy Kirisity Jesosy.[8]Fa tamity hasoava ro namonjea anareo tamity alala ty finoa,
naho tsy baka aminareo zay, fa fagnomean'Agnahare. [9]Tsy bakamity asa ty hasoava mba tsy hisy hirehareha. [10]Fa
asan'Agnahare tika, finoro tao amy Kirisity Jesosy mba hanao asa ze fandaharan'Agnahare le fa ela hoantika, mba
handehanantika ao amireo.[11]Laha zao tiarovo fa Jentilisa tao amity nofo nareo taloha. Nareo le atao ty hoe" tsy
voasavatre" ao amireo ze atao ty hoe" voasavatre" ao amity nofo natao ty tagnagn'ondaty. [12]Satria mboe
tafasarake tamy Kirisity nareo tamize andro zay. Mbahiny nareo teo amity vahoake Israely. Naho vahiny tamity
fagnenkea ty fampagnategna nareo. Tsy mboe nana fagnategna ty amity hoavy nareo. Tsy niarake
tamin'Agnahare nareo teto amizao iaby zao.[13]Fa henanezao ao amy Kirisity Jesosy nareo ze lavitre an'Agnahare
taloha le nampiharine tamity lio Kirisity. [14]Satria Re ro filongoantika. Re ro nahavy ty roe ho raike. Tamity nofone
ro nandrompahane ty rindry y fandiera ze nadrarazara antika. [15]Zane hoe, finoane ty didy ty liy vaho ty fotsipeke
mba hanovane ndaty vaovao raike amine ao, vaho mba hanova fampilongoa. [16]Kirisity le mampilongo ty vahoake
roe tonta ho vata raike amin'Agnahare amity alala ty hetae fijalea, ka mamono ty fandiera.[17]Fa niavy Jesosy naho
nitalily filongoa ho anareo ze lavitre naho filongoa hoahy reo ze marine. [18]Fa amity alala Jesosy ro hanagnantika
roe tonta fifandraesa amity Fagnahy raike mbaeo amity Raike.[19]Laha zao, tsy vahiny vaho ambahiny sase nareo
Jentilisa zao. Fa vaho maike aza miharo firene miarake amireo ze ndaty masin'Agnahare nareo vaho agnate ty
fokon'Agnahare. [20]Te fa naore teo amity fototre fagnoregna reo apositoly vaho reo mpamisavisa nareo, naho
Kirisity Jesosy vatane ro vato fehezoro. [21]Amine ao ro hiharoa ty fagnoregna iaby naho hitomboa hoe ty tempoly
ao amity Tompo. [22]Amine ao avao ro hanangana anareo miarake ho fitoera ho an'Agnahare ao amity Fagnahy.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Laha zao, zaho Paoly, le gadra Kirisity Jesosy ho anareo Jentilisa. [2]Ataoko fa naharey ty fitana ty
hasoavan'Agnahare ze nagnomea ahy ho anareo nareo.[3]Manoratre arake ty fagnambara nampahaieahy raho. Zay
ro mare mihaja miomba ze nisorateko kelekele taminareo. [4]Laha fa mamaky zay nareo, le ho afake ty hahazo ty
fomba hahazoako ze mare mihaja miomba Kirisity zay. [5]Tamireo foko hafa le tsy natao hay ty anagn'ondaty ze
mare zay. Fa henanezao kea zay le natalily tamity alala ty Fagnahy tamireo Apositoly vaho reo mpamisavisane ze
voatoka ho amity asa toy.[6]Ze mare mihaja zay le mirehake fa reo Jentilisa le mpiara- mandova, vaho mpiara-
miharo amity vata, naho mizara ty fampagnategna ao amy kirisity Jesosy amity alala ty zaka soa iereo. [7]Fa lasa
mpanompo ze zaka soa zay raho tamity hasoavan'Agnahare nomea ahy tamity alala ty fiasa ty herene.
[8]Namean'Agnahare ahy ze fagnomea zay, ndra le zaho aza ro farane kele vatane amireo ndaty masin'Agnahare. ze
fagnomea zay le ty mba hitaliliako amireo Jentilisa ty zaka soa ty harea Kirisity saro-paie. [9]Ty fagnomeam-
pahasoavan'Agnahare hoahy le ty handaisako fagnazava amity ndaty iaby ty fandaharan'Agnahare. Fandaharao
le nahajan'Agnahare, ty nanao ty zaka iaby, zisike ty tao maro taloha.[10]Nampahaie tamity fiangona ze fandahara
zay mba hahavy reo mpandily vaho reo manam-pahefa agne andagnitse hahay ty toera maro ty
hamarean'Agnahare. [11]Niseho arake ty fandahara zisikezay te lefene tao amy kirisity Jesosy Tompontika zay.[12]Fa
ao amy Kirisity ro anagnatika fahasahia vaho lala ampatokisa naho ty finoantika Aze. [13]Laha zao mangatake
anareo raho mba tsy ho kivy naho ty fijaleako ho anareo, ze hasinareo.[14]Laha zao le mandohaleke eo agnoloa ty
Rae raho, [15]ty nagnomea agnara ty longo iaby agne andagnitse vaho antane eto. [16]Mivavake raho mba
hagnomeane anareo, arake ty harea ty hasine, mba homafe amin-kere amity alala ty Fagnahy Masy, te aminareo
ao.[17]Mivavake raho mba hitoboke ao agnarofonareo amity finoa Kirisity, mba hifototre vaho hiore ao amity
hateane nareo. [18]Hahazo hare anie nareo ka ho afake-mahatakatre, miarake amireo mpino iaby, ty borine, ty
halavane, ty habone, naho ty halalene, [19]naho mba hahay ty hatea Kirisity, te mihoatre ty fahaia iaby, ka mba ho
feno ty hafenoan'Agnahare iaby nareo.[20]Naho ho Aze ze mahavita manao mihoatre iaby ze angatahentika ndra
dinentika, arake ty here ze miasa agnatentika ao, [21]ho Aze ty hasy ao amity fiangona naho ao amy Kirisity Jesosy
zisikamity foko iaby zisike farane. Amena.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Laha zao, zaho, amity maha gadra hoahy Tompo ahy, le mandrisike anareo mba handeha ankasoa amity kaike ze
nikaiha anareo. Mandrisike anareo raho mba hana hamaream-bey vaho halemea naho fahareta, mifandefetre
amity hatea. [3]Manova ze fara ty herenareo mba hitana ty fiharoa ty Fagnahy amity fehea ty filongoa.[4]Raike avao
ty vata naho raike avao ty Fagnahy, manahake ty nikaiha anareo tao amity fagnategna ty fikaiha anareo raike
avao kea. [5]Naho raike avao ty Tompo, raike ty finoa, raike ty batisa, [6]naho raike avao ty Zagnahare vaho ty Raegny
iaby, te ambone ty zaka iaby naho amity alala ty zaka iaby vaho ao amity zaka iaby.[7]Tika kirai-kiraike iaby le
namea hasoava arake ty habey ty fagnomea Kirisity. [8]Arake ty tsara ty Soratre Masy te hoe:"Laha fa niakatre
tagne amity ambone Re, le nanday reo Azo ho amity fahazoa, naho natolotre fagnomea hoahy ty vahoake Re."[9]Ino
ty heve ty hoe:"Niakatre Re," laah tsy hoe nimbaeo amity faritre ambane ty tane avao kea Re? [10]Re Ty nimbaeo
avao ty ndaty niakatre ambone tagne andagnitse, mba hahafahane mameno ty zaka iaby.[11]Kirisity le nanolotre ty
ilane ho apositoly, ty ilane ho mpamisavisa, ty ilane ho evanjelisita, naho ty ilane ho pasitera vaho
mpampianatre. [12]Nagnomea reo asa reo Re mba hagnampea reo vahoakene masy ho amity asa fanompoa, amity
fagnoregna ty vata Kirisity. [13]Manohy magnore ty vatane Re mandram-pahatrarantika iaby ty fiharoam-pinoa
vaho ty fahaia ty Anan'Agnahare, naho mba hahavy antika ho hatoe ka mba hahatratre ty habey ty hafenoa
Kirisity.[14]Magnore antika Kirisity mba tsy ho hoe ty kolo ze akobakoba ty onja sase tika, naho tsy ho ente ty tioke
ty fagnanara vaho ty fahihira reo ndaty amity hevetre feno fitake. [15]Fa tika kea, amity firehafa ty hamarea amity
hatea, le tokone hitombo amity fomba iaby ao amy Re te lohane, zane hoe , Kirisity. [16]Kirisity le mananga ty vata
iaby, naho naharo vaho napiteke tamity isan-tognone zay, naho laha fa miasa miarake reo, le mahavy vata
hitombo mba hagnore ty vatane amity hatea.[17]Laha zao, le mitalily vaho manindry afe zay eo amy Tompo raho,
mba tsy hivelo manahake ty jentilisa sase nareo, amity hafoagna ty say iereo. [18]Maieke ty hafaia iereo, misarake
amity havelon'Agnahare naho ty tsy fahaia ao amiereo, naho ty hamafeam-po iereo. [19]Tsy mahay megnatre iereo
naho nanolotre ty vata iereo ho amity paie ty nofo, naho manohy mano zao karazam-palotoa iaby zao.[20]Fa tsy zay
ro fomba nianaranao ty miomba kirisity. [21]Inoako fa naharey ty miomba aze nareo, naho nanare tamine ao, satria
ty hamarea le ao amy Jesosy. [22]Nanare nareo mba hagnary ty fomba fiaignanareo taloha, mba hagnary ty toera
taloha. Ty toera taloha te le simba naho ty fitake ty paiene.[23]Nanare nareo mba hihavao ao amity fagnahy ty
sainareo, [24]naho hisiky ty ndaty vaovao ze nihare arake ty toeran'Agnahare_ ao amity vatane hamarea vaho
hamasigna.[25]Laha zao, ialao ty vande, naho ao ty kirai-kiraike aminareo hifampitalily ty mare amity namane,
satria sambe agnate ty tahone iaby tika. [26]Mimelofa fa ko manota. Ko enga ho tratre ty masoandro moly ty
helonao [27]Ko magnomea lala ty devoly.[28]Zay nangalatre le tsy tokone hangalatre sase. Tsy mahaintsy miasa re,
manao asa soa amity tagnane, mba hanagnane zaka ho zarae ho ahy reo ao agnate ty tsy fahampea. [29]Ko enga
hisy rehake maoloto hiakatre bakamity vavanareo. Manova rehake ze paie amity fagnoregna ty hafa, arake ze
paie iereo, mba vatane hagnampe reo ze midranjy anareo ty rehanareo. [30]Naho ko mampalahelo ty Fagnahy
Masin'Agnahare, fa bakamine ro nanova tombo-kase anareo ho amity andro ty fagnavota.[31]Ialao ty lolom-po iaby,
haromota, ty heloke, ty fifamalea, naho ty fifampirehafan-draty, miarake amireo asa raty iay. [32]Managna
halemeam-pagnahy amity kirai-kiraike iaby, falemeam-po, mifamotora-heloke, hoe ty namotoran'Agnahare
anareo tao amy Kirisity.

## Chapter 5

[1]Laha zao ao mba ho mpnagala tahake an'Agnahare, manahake ty anake malala. [2]Naho manehana amity hatea,
arake ty niteava Kirisity antika avao kea vaho nagnomezane ty vatane ho antika, fagnatetre magnim-pofo vaho
soro ho an'Agnahare.[3]Fa tsy tokone hisy ndra le rehake fitsangatsangana ndra halotoa ndra tsy fagnonognam-bata
aza aminareo eo, fa tsy mete ty ndaty masin'Agnahare reo. [4]Ao tsy hisy manao faly, rehake gegegege, naho
hanihany dilatse_le tsy mete amiaby amireo. Fa kea tokone hisy fisaora.[5]Fa afake mahazo antoke ty amizao nareo,
fa tsy hisy mpitsangatsanga, maloto, ndra ty mphirehere_zane hoe, mpanompo sampe_mana lova ao amity
fanjaka Kirisity vaho Zagnahare. [6]Ao tsy hisy hamitake anareo amity tsara foa, satria naho reo zaka reo le avy
amity anake ty tsy fagnenkea ty helon'Agnahare. [7]Laha zao, ko mikamba amiereo.[8]Fa maieke nareo taloha, fa zao
nareo le hazava ao amy Tompo. Mandehana manahake ty ana ty mazava, [9](fa ty voka ty hazava le ao amity hasoa
iaby, fahitia, vaho hamarea). [10]naho paio ze mahafale ty Tompo. [11]Ko miharo amireo asa tsy mamokatre ty fahieke,
fa atoro kea reo. [12]Fa mahamegantre ndra le ty manogno reo zaka natao iereo agne amity mihaja aza.[13]Fa laha fa
hazava ty hazava ty zaka raike, le lasa miharehare. [14]Fa ty zaka iaby ze miharehare le hazava. Laha zao le
voatalily ty hoe:"Mifohaza, riha miroro, naho mitsangana amity toera ty mate, le hamiratre aminao
Kirisity."[15]Miambena amity fomba fiaignanao_tsy manahake ty tsy mare fa manahake ty mare. [16]Hararoto ty
andro satria ze andro zao le raty. [17]Laha zao, ko misaregege, fa takaro hoe ino ro tea Tompo.[18]Naho ko manao
mamo ty divay, fa manday agne amity hasim-ba toera zay. Fa kea, ao ho feno ty Fagnahy Masy, [19]mifampirehafa
aminareo sambe nareo amity salamo vaho fihira naho hiram-pagnahy, mihira naho miantsa amy Tompo amity
arofonao iany. [20]Misaora zisikagne amity zaka iaby, amity agnara Jesosy Kirisity Tompontika ho an'Agnahare Rae,
[21]mifanolora-bata amim-pagnaja hoahy Kirisity.[22]Ry ampela, magnenkea ty valinareo, manahake ty amiy Tompo.
[23]Fa ty lahilahy ro loha ty vave manahake Kirisity kea loha ty fiangona, naho Kirisity vatane ro mpamonjy. [24]Fa
manahake ty hagnenkea ty fiangona i Kirisity, le hoe zay kea ro tokone hagnenkea ty ampela ty valine amity zaka
iaby.[25]Ry lahilahy, teavo ty valinareo, manahake ty niteava Kirisity ty fiangona vaho nagnomezane aze ty arofone.
[26]Natolotre ty vatane hoahy ty fiangona Kirisity mba hahafahane magnamasy aze, tamity fagnaliova aze tamity
rano fanasa amity tsara, [27]mba hahafahane manoro aze ho bey hasy amine eo, tsy misy mengoke ndra pilake
ndra zaka hoe zay, fa masy vaho tsy misy diso.[28]Manahake zay avao kea ty lahilahy le tokone hoe tea ty lavy iereo
iaby manahake ty vata iereo. Re ty tea ty valine le tea ty vatane avao kea.[29]Tsy mboe nisy nalay ty vatane, fa
mamaha vaho mikarakara zay soa, manahake Kirisity mamaha ty fiangona vaho mikarakara aze avao kea,
[30]satria tika le tahom-batane.[31]Laha ze antone zay ty lahilahy le hiala ty rae vaho ty renene ka hikamba amity
valine, naho ie roe le ho lasa nofo raike avao." [32]Bey ze hamarea mihaja zay_fa Zaho le mirehake miomba Kirisity
vaho ty fiangona. [33]Kanefa, ty kirai-kiraike aminareo avao kea le tokone ho tea ty valine iaby manahake ty vatane,
naho ty ampela le tokone hagnaja ty valine.

Chapter 6

1Ry anake, magnenkea ty rae-amandrenenao ao amy Tompo, satria mete zay. 2"Hajao ty raenao vaho ty renenao"(
zay ro lily voalohane misy fampagnategna), 3"mba hahita soa riha naho mba ho lava andro ivelogna ambone tane
eto."4Nareo rae, ko manday ty ananareo ho amity heloka. Fa kea, tezao amity fotsipeke vaho reo fagnanara
Tompo iereo.5Ry mpanompo, magnenkea ty tomponareo antane etoy amity halemea ty arofonareo. 6Magnenkea
iereo manahake ty hangnenkea nareo Kirisity. Magnenkea tsy eo amaso ty tomponareo avao mba hisaora iereo.
Fa kea, magnenkea manahake ty mpanompo Kirisity, ty nanao ty sitrampon'Agnahare amity arofonareo iaby.
7Manompoa amity arofonareo iaby, manahake ty hoe manompo ty Tompo nareo fa tsy ndaty, 8satria haintika fa
ndra ino ino asa soa atao y ndaty kirai-kiraike, le handrae valen-katea bakamy Tompo re, ndra ndevo re ndra
ndaty afake.9Inareo Tompo, manova manahake reo zaka reo avao kea amity mpanomponareo. Ko magnamaro
iereo. Hainareo fa Re le vaho Tomponareo ro Tompo iereo le agne andagnitse, naho tsy misy vande ty amine ao.
10Farane, mimafea ao amy Tompo vaho amity hamafe ty herene. 11Isikino ty fialian'Agnahare iaby, mba
hahafahanao mitsanga mandietre reo heve ty devoly.12Fa ty alintika le tsy mandietre ty nofo vaho ty lio. Fa kea,
madietre ty fanjaka vaho ty fahefa ara-pagnahy vaho reo mpandily ty fanjaka maieke raty, mandietre reo
fagnahy raty agne amity fitoeran-danitse. 13Laha zao isikino ty fialian'Agnahare iaby, mba hahafahanareo
mitsanga amize andro raty zao, naho laha fa vitanareo ty zaka iaby, le hahatohetre nareo.14Mitsangana, laha zao,
laha fa baka nanao ty santira ty hamarea vaho ty fiaro-tratra ty fahitia nareo. 15Naho manahake ty kiraro hoahy
ty tombonareo, le anovo ty havognona hitalily ty zaka soa ty filongoa. 16Amity zaka iaby le raeso ty ampinga ty
fino, hahafahanareo mandietre reo folese mirehetr'afo ty raty.17Naho raeso ty aro-loha ty famonjea vaho ty meso
ty Fagnahy, te tsaran'Agnahare. 18Amity vavake vaho hatake iaby, le mivavaha amity Fagnahy amity andro iaby.
Amize fomba fandineha zay, le miambe zisikagne amity fahareta iaby, laha manolotre vavake hoahy reo ndaty
masin'Agnahare nareo.19Naho mivavaha hoahy, mba hisy talily homea ahy laha fa mamoha ty vavako raho.
Mivavaha mba hahafahako mampahay amity fahasahia ty hamarea mihaja miomba ty zaka soa. 20Hoahy ty zaka
soa ro maha-ambasadoro voafehe amity gadra ahy, mba hahafahako magnambara zay ampahasahia, laha tsy
mahaintsy hirehake raho.21Tykiko, ty rahalahy malala vaho mpanompo matoky ao amy Tompo, ro hampahay
anareo ty zaka iaby, mba hahaianareo ze ataoko. 22Niraheko taminreo re naho io vetrevetre eo avao, mba
hahaianareo reo zaka miomba anay, naho mba hahafahane magnamafe ty arofonareo.23Fiadagna ho amireo
rahalahy, naho ty hatea miarake amity finoa bakamin'Agnahare Rae vaho ty Tompo Jesosy Kirisity. 24Ty hasoava
anie ho amy iaby ze tea Jesosy Kirisity Tompontika amity hatea tsy mate zisikagne.

# Philippians

Chapter 1

1Paoly naho Timoty, mpiasa ndre Jesosy Kristy, ho ahy reo iaby voatoka ho ahy ndre Jesosy Kristy ze agne Filipy,
miarake amy reo mpiandraikitse naho reo diakona. 2Ho aminareo vatagne ty fahasoava naho fiadagna bak'amy
ty Andragnahare Raentika naho Jesosy Kristy Tompo.3Misaotse ty Andragnahareko raho amy ty fahatiarovako
anareo. 4Ao amy ty fivavahako ho anareo iaby, le amy ty fifalea hatragne ro anaovako ty fivavahako. 5Magnome
fisaora raho noho ty amy ty fiaroanareo amy ty filazantsara nanomboke tamy ty aandro voalohane le hatramy
zao. 6Matoke ahy zao iaby zao raho, te Reke ze nanomboke asa soa taminareo le hanohy hagnatanterake zay
hatramy ty andro ndre Jesosy Kristy.7Te soa amiko ty mahay manahake zay ty amy ty mikasike anareo iaby satria
ato agn'arofoko nareo. Nareo iaby le mpiara-miasa tamiko tamy ty fahasoava na tamy ty figadrako naho tamy ty
fiarovako na kea tamy ty fagnamafisa ty filazantsara. 8Te Andragnahare ro vavolombeloko, te mane anareo mafe
raho amy ty famindram-po ndre Kristy Jesosy.9Vaho raho mivavake ahy zao: soa hitombo hatragne hatragne ty
fitiavanareo amy ty fahalala naho amy ty fahazan-tsay iaby. 10Mivavake ho ahy zay raho soa hagnina ze soa le soa
nareo, soa ho tso-po naho tsy misy tsikone amy ty nadro ndre Kristy. 11Mivavake raho soa ho feno ty voaktse ty
fahamarigna ze bak'amy ndre Jesosy Kristy nareo, ho voninahitse naho fiantsa ahy ty Andragnahare.12Vaho teako
ho hainareo, rahalahy, te reo raraha ze niseho tamiko le niasa ho amy ty fampandrosoa ty filazantsara vantane.
13Vokatsy zay, ty fehiko ao amy ndre Kristy le niharihary mazav nanera reo mpiambe ty rova iaby naho reo ndaty
hafa. 14Ty ankamaroa reo rahalahy le mana toke bey loatse ao amy ty Tompo noho ty fatorakop, vaho mahasake
magnambara tsy amy ty tahotse ty tsara iareo.15Ty ilane kea le mitore ahy ndre Kristy amy ty fialogna naho
fifamalea vatane, vaho reo hafa kea amy ty tea soa. 16Reto farane le manao zay amy ty fitiava, mahay te raho le
nitoboke eto ho fiarova ty filazantsara. 17Te rety ho voalohane le mitore ahy ndre Kristy amy ty fitiavan-tegna, te

tsy tso-po. Reke regne le mihevitse te hagnakoronta ahike laha mboe ao amy ty firohizako raho.[18]Ino vaho? Amy ty fomba iaby, na amy ty fiatsaram-belatsihy na amy ty fahamarigna, Kristy to tory, vaho mifale ty amy zay raho. Eka, ho fale raho, [19]te haintso te zay le hiafara amy ty fagnafana ahike amy ty alala reo vavakareo naho ty fagnampea ty Fagnampea ty Fagnahy ndre Jesosy Kristy.[20]Zay le arake ty fiandrasako mafe naho ty antoke te raho le tsy ho megnatse zao, vaho mboe amy ty fahasahia iaby avao, henane zao manahake ty nanomboke zayle hisondrotse ato amy ty vatako Kristy, na amy ty fiaigna na amy ty fahafatesa. [21]Ho ahike ty tihoe miay le Kristy vaho ty thoe mate le tombone.[22]Te laha miay amy ty nofotsiko raho, le midika asa mahavokatse ho ahike zay. Feie ino ro ho filiko? Tsy haintso. [23]Te voatere mafe eo agnelagnela iareo raho. Ty fagniriako le ty haneha vaho hiarake amy ndre Kristy, ze soa lavitse, [24]feie ty mitoetse ao amy ty nofotse le mpaiavy loatse noho nareo.[25]Rese lahatse ty amy zay, le haintso te htoetse naho hanohy hiarake aminareo iaby raho, ho ahy ty fandrosoanareo naho fifalea ao amy ty finoa. [26]Soa ho ao amiko le hana antone hirehareha ao amy ndre Kristy Jesosy nareo lafa mimpole agne aminareo ndraeke raho. [27]Manday tegna amy ty fomba maeva ty filazantsara ahy ndre Kristy, le ave hagnete anareo raho na tsy eo, le afake ty haheno mikasike anareo, te mitsanga mafe amy ty fagnahy raeke nareo, amy ty ray raike miara-miezake ho ahy ty finoa ty filazantsara.[28]Vaho ko mete ampitahore reo ze fahavolanareo. Marike ty fahapoteha iareo zay, te marike ty famonjenareo kea _ vaho zay le bak'amy ty Andragnahare.[29] Te nomea anareo zay, ho ahy ndre Kristy, tsy tihoe soa hinoa Aze avao, te hijalea ho Aze kea, [30]te nareo le mana ale mitove amy ze hisanareo tamiko, vaho mitove amy ze hisanareo tamiko, vaho ze janjinao amiko amy zao.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]laha misy fampahereza ao amy ndre Kristy, laha misy fampionona bak'amy ty fitiavane, laha misy fiharoa ao
amy ty Fagnahy, laha misy famindrampo bey naho feregnae, [2]le ataovo feno ty fifaleako amy ty fisaigna
manahake zay, amy ty fanagna fitiava mitove, amy ty fiharoa am-pagnahy, vaho amy ty fanagna vere mitove.[3]Ko
manao na ino na ino amy ty fitiavan-tegna na fanandratan-tegna avao. Te amy ty fagnetren-tegna kea le
madiniha ty hafa mihoatse ty vatagnareo. [4]Tokone tsy hipay ze mahasoa ty vatanareo avao ty kiraikiraike
aminareo, te ze mahasoa ty hafa avao kea.[5]Mandiniha manahake ty fisaigna ze tao amy ndre Kristy Jesosy avao
kea. [6]Fa nisy arake ty tarehe ndre Andragnahare Reke, te tsy nadinike zay fitoviane amy ty Andragnahare zay ho
raraha hifikira Reke. [7]Ty mifanohitse amy zay, niravane ty vatane. Nangalake ty tarehe ty mpiasa Reke. Vaho
nimboake hanahake ty ndaty Reke. Vaho hisake nitove tamy ty ondaty Reke. [8]Nanetre tegna Reke vaho lasa
mpagnina hatramy ty fahafatesa, le iaze fahafatesa ty hazofijalea![9]Noho zay le nasondrotse ty Nadragnahare
ambone le ambone avao kea Reke. Nomeine iaze Tahina ze ambone ty tahina iaby Reke. [10]Nanoene zay soa ho
amy ty Tahina ndre Jesosy ro handohaliha ty lohalike iaby, ty lohalike reoze agne an-dagnitse naho etoy an-tane
vaho agne ambne ty tane. [11]Nataone zay hagnina ty lela iaby te re Jesosy Kristy ro Tompo, ho asy ty Nadragnahare
Rae.[12]Noho zay, rahalahy, manahake ty agninanareo avao, tsy eo amy ty fagnatrehako avao te mihoatse lavitse kea
henanezao lafa tsy eo raho, le asehoy amy ty tahotse naho titike ty famonjea anareo. [13]Satria Andragnahare ro
miasa ao aminareo soa ho vonogne hanao ro sade hiasa ho ahy ty fifaleane nareo.[14]Ataovo tsy am-piraigna na
fialian-kevitse ty raraha iaby. [15]Magnamboara manahake zay soa ho avy ana ty Andragnahare tsy misy tsikone
naho to, tsy misy kilema nareo. Miasà manahake zay soa hamirapiratanareo manahake ty fahazava eo amy zao
tontolo zao, eo agnivo ty taranake meloke naho mahere zaka. [16]Mipitiha mafe amy iaze Tsara ty fiaigna soa
hanagnako antone hireharehà amy ty andro ndre Kristy. Te amy zay le ho haintso te tsy vere maigne ty
nilailaisako vaho tsy vere maigne ty niasàko.[17]Te na le ahike ho fagnatitse eo amy ty soro naho fanompom-pinoa
kea raho, le mifale raho, vah miara-mifale aminareo iaby raho. [18]vaho manahake zay kea ro hifaleanareo, vaho
miara-mifale amiko nareo.[19]Te magnantegna ao amy ndre Tompo Jesosy raho te handefa ahy ndre Timoty agne
aminareo malake, soa hahere avao kea raho lafa haintso ty raraha mikasike anareo. [20]Te tsy mana ndaty hafa
mitove toe-tsay amine raho, ze vantagne misalasala ty aminareo. [21]Te iareo iaby le mipay ty vokan-tsoane, te tsy ty
raraha ndre Jesosy Kristy.[22]Te hainareo ty fahamatorane, satria manahake ty ajaja manompo ty raene, ro
nanompoane niarake tamiko tao amy ty filazantsara. [23]Kea magnantegna ty handefa aaze raho laha vao hisako
tihoe manao akore ty fandehan-draha atoy amiko. [24]Te matoke ty Tompo raho te ho avy agne malake kea ty
vatako.[25]Te mieretseretse raho te paiave avao kea ty mampimpole ahy ndre Epafrodito agne aminareo. Ralahiko
reke naho mpiara-miasa ro mpiara-miale, sade mpanday hafatsareo reke ro mpiasa amy ze paiko. [26]Te tra-pijalea
mafe reke, vaho mane ty hiarake taminareo iaby reke, satria nareo te narare reke. [27]Te vatane narere reke le saike
mate. Te namindra arofo tamine Andragnahare, vaho tsy tamine arere, te tamiko kea, soa tsy hanagnako alahelo
ambone ty alahelo.[28]Kea le amim-paharisiha bey iaby ro handefasako aze, lafa hahisake aze ndraeke nareo le soa
hifale le ho afake vatane amy ty fisalasalako raho. [29]Rambeso ao amy ty Tompo Epafrodito miarake amy ty fifalea
iaby. Iasio ty ndaty manahake aze. [30]Te ho ahy ty asa ndre Kristy ro niariniane ty fahafatesa. Te nanao vy vere ty
fiaine reke hanompoa ahike soa hagnatanterahane ze tsy afake nataonareo tamy ty fanompoa tamiko.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Farane, rahalahy, mifalea ao amy ty Tompo. Tsy manahira ahike ty mampimpole manoratse rey raraha rey ho
anareo. Regny raraha regny le hiaro anareo. [2]Mitaoa amy reo alika. Mitaoa amy reo mpanao rate. Mitaoa amy reo
fanapaha rantsam-bata. [3]Te tika ro voatapake. Vaho Tika ro manompo amy ty Fagnaihy ty Andragnahare. Vaho
tika ro mirehareha ao amy ndre Kristy Jesosy, vaho tsy mitoke amy ty nofotse.[4]na zay kea, raho vatako le afake
mianke amy ty nofotse. Laha misy ndaty mihevitse te reke le mana fahatokisa amy ty nofotse, afake manao
mihoatse noho zay raho. [5]Nitapahy tamy ty andro fahavalo raho, terake tai amy ty vahoagn'Israely, tao amy ty
arofoko ty Benjamina, Hebreo tao amy reo Hebreo raho; arake ty lalàgna, le Fariseo raho.[6]Tamy ty zotom-po, le
nagnenjike ty fiangona raho; Laha ty amy ty fahamarigna ambane ty lalàgna, le tsy nanan-tsikone raho. [7]Te na
ino na ino tombone ho ahike, le nirambesiko hanahake ty fatiantoke regny noho ty amy ndre Kristy.[8]Laha ty
vantane ie, nisafiko ho mate antoke iaby reo raraha iaby noho ty habey ty fahalala ahy ndre Kristy Jesosy
Tompoko. Noho Reke le nariako ty raraha iaby. Dinihiko ho fokota regny soa hahazoako ahy ndre Kristy [9]vaho ho
hisake ao Amine raho. Tsy mana ty fahamarigna ho ahy ty vatako bak'amy ty lalàgna raho. Te kea, mana ty
fahamarigna ze tamy ty alala ty finoa ahy ndre Kristy raho, fahamarigna bak'amy ty Andragnahare ze mifototse
amy ty finoa. [10]Kea amy henanezao le te hahay Aze naho ty here ty fitsanganane tamy ty mate vaho ty fiombona
amy reo fijaleane raho. Te hiova amy ty alala ndre Kristy raho soa hanahake ty fahafatesane, [11]soa hahafahako
mahatsapa ty fitsangana amy ty mate.[12]Tsy to te fa nandrambe reo raraha reo raho, na kea tihoe avy iaby raho. Te
miezake raho, Te miezake raho soa handrombahako iaze nandrombaha ndre Kristy Jesosy ahike. [13]Rahalahy, tsy
mieritseritse raho te ty vatako le fa nandrombake zay. Te misy raraha raeke: Adinoiko ze agne afara vaho
miezake ho ahy zay eo aloha raho. [14]Miezaka magnatratse ty tanjona raho soa hahazo ty loka ty mikaike bak'agne
ambone bak'amy ty Andragnahare ao may ndre Kristy Jesosy.[15]Tika iaby ze matotse, lonike tika hieritseritse
manahake zay; vaho laha misy eritseritsareo hafa mikasike raraha iaby, le ho aseho ty Andragnahare aminareo
avao kea zay. [16]Feie, na ino na ino fa tratsentika, lonike tika himpitike amy zay.[17]Lonike ho mpangalake manahake
ahike, nareo rahalahy. Diniho marinike reo ze mandeha arake ty ohatse ze hisanareo ao aminay. [18]Lahiale reo
mandeha _ reo ze fa nitaliliko anareo matetike, vaho henane zao raho mitalilia aminareo amindranomaso _
manahake ty fahavalo ty hetaefijalea ndre Kristy. [19]Fandringa ro fiafara iareo. Te ty kibone ro andragnaharene,
vaho ty firehareha iareo le ao amy ty hasalarane. Mieritseritse ty raraha zao tontolo zao iareo.[20]Te agne an-
dagnitse ty fanjakantika, ze handignasantika Mpamonje avao kea, le ty Tompo Jesosy Kristy. [21]Reke hagnova ty
vatantika ze maleme soa ho vata manahake ty vatane feno asy, ze natao tamy ty here ty fahefane soa hampanaike
ty raraha iaby amy ty vatane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Noho zay, rahalahy teako ze mahamane ahike, fifaleako naho satroboninahitso, amy zay le mitsanga soa ao amy
ty Tompo, namako teako. [2]Mangatake ahy ndre Eodia raho, vaho mangatake ahy ndre Syntike, miaroa say ao amy
ty Tompo. [3]Vaho, mangatake aminao avao kea raho, namako mpiray joga: Ampeo reo ampela reo. Satria iareo le
niara-niasa tamiko tamy ty fampieleza ty filzantsara niarake tamy ndre Klementa naho reo sisa namana mpiara-
miasa amiko iaby, ze fa ao amy ty Boky ty Fiaigna ty agnara iareo.[4]Mifalea hatragne ao amy tyy Tompo. Nanao
tihoe avao raho, mifalea. [5]Apoho ho hay ty ndaty iaby ty fahatsoram-ponareo. Fa marine ty Tompo. [6]Ko misalasala
na amy ino na amy ino. Te kea, amy ty raraha amy ty alala ty vavake naho fangataha, miarake amy ty fisaora,
apoho ty fangatahanareo ho hay ty Andragnahare. [7]Vaho ty fiadagna ty Andragnahare, ze mihoatse ty fahalalà
iaby, hiaro ty arofonareo naho ty fisaignanareo iaby ao amy ndre Kristy Jesosy.[8]Vaho farane, rahalahy, na ino na
ino to, na ino na ino manankase na ino na ino ara-drarine, na ino na ino malio, na ino na ino mahafinaritse, na
ino na ino nitalily te soa, laha misy na ino na ino vantane soa, l;aha misy na ino na ino vantane soa, laha misy na
ino na ino tokone hantsay, le mandiniha ahy regny raraha regny. [9]Reo raraha ze nianaranareo naho naho
nirambesianareo naho janjinareo vaho hisanareo tamiko, ataovo regny raraha regny, vaho ty Andragnahare ty
fiadagna hiarake aminareo.[10]Mifale bey ao amy ty Tompo raho satria nihavaozinareo avao kea henane zao ty
fandinihanareo ahike. Fa nihevitse ahike nareo teo aloha, te tsy nisy fahafaha ho anreo soa hagnampe. [11]Tsy
mitalily zay raho satria ao ampo ty tsy fahampea. Te fa nianatse ty hifale amy ze toe-jaka-miseho iaby raho.
[12]Haintso ty tihoe mijale vaho haintso kea ty tihoe manam-bey. amy ty fomba iaby naho amy ty raraha iaby le
nianatse ty tsiambaratelo ty fihinanam-bey naho ty hakere raho, vaho ty tihoe manam-bey naho ty tihoe eo ampo
ty fahampea. [13]Afake manao ty raraha iaby raho amy ty alala Iaze mampahere ahike.[14]Feie, nareo nanao ty soa
tamiko tamy ty fahasahiragnako. [15]Vaho nareo Filipiana mahay te tamy ty fanomboha ty filazantsara, lafa
nagnenga ahy ndre Makedonia raho, le tsy nisy fiangona nanoha ahike laha ty mikasike ty fagnomeza naho
fandraiza ankoatsy nareo arere. [16]Na tamy raho tagne Tesalonika kea, le nandefa fagnampea ho ahy zew nipaiko
mihoatse ty ndraeke mandeha nareo. [17]Tsy tihoe mipay fagnomeza raho. Te kea, mipay ty vokatse ze
mampiakatse ty hasinareo raho.[18]Nandrambe reo raraha iaby raho, vaho mana bey le bey. Te feno raho. Voaraeko
bak'amy ndre Epafrodito reo raraha bak'aminareo. Reo le hagnitse magnim-pofo, ze fagnatitse azo eke naho
ankasitraha ty Andragnahare. [19]Vaho ty Andragnahareko hameno ze iaby mpainareo arake ty hanagna ty hasine
ao amy ndre Kristy Jesosy. [20]Vaho ho ahy ty Andragnahare naho Babantika ty hasy zisikam-parane doria. Amena.
[21]Manaova veloma ahy ty mpino iaby ao amy ndre Kristy Jesosy. Reo rahalahy ze miarake amiko le manao veloma
anareo. [22]Reo mpino iaby ze eto manao veloma anareo, losotse reo ze bak'ao amy ty hasaveregna ndre Kaisara.
[23]Ty fahasoava ty Tompo Jesosy Kristy hoa my ty fagnahinareo. [Fagnamariha: Misy reo fandika sasane magnmpe
tihoe: "Amena."

# Colossians

Chapter 1

Paoly, apositoly Jesosy Kirisity amity alala ty sitrampon'Agnahare, naho i Timoty rahalahintika, [2]hoahy reo mpino
vaho reo rahalahy matoky ao amiy Kirisity te agne Kolosia. Ho aminareo anie ty hasoava, vaho ty fiadagna
bakamin'Agnahare Raentika.(Fagnamarea ambane ty peje: misy dikan-drehake ilane magnampe ty hoe:"naho ty
Tompo Jesosy Kirisity"). [3]Magnomea fisaora an'Agnahare tika, ty rae ty Tompontika Jesosy kirisity, naho mivavake
zisikagne ho anareo zahay.[4]Te fa reinay ty finoanareo i Kirisity Jesosy naho ty hatea ze anagnanareo hoahy iaby
ze voatoka ho an'Agnahare. [5]Mana ze hatea zay nareo naho ty fagnentagna azo antoke natoka ho anareo agne
andagnitse. Reinareo ty miomba fanantena azo antoke eo taloha ty tsara amity hamarea, ty zaka-soa, [6]ze avy
aminareo. Ty zaka soa toy le manday vokatre naho mitombo era zao iaby zao. Zay le fa nanao zay taminao avao
ka nanomboke tamity andro nahareizanao aze naho nianaranao ty miomba ty hasoavan'Agnahare ao amity
mare.[7]Toy ty zaka soa ze arake ty nianaranareo tamity Epafra, ty mpiara-manompo malalantika, ty manompo
matoky Kirisity amity agnarantika.(Fagnamarea ambane ty peje:misy dikan-drehake ilane mivaky ty hoe:"Amity
agnaranareo") [8]Nampahaie Epafra anay ty hateanareo ty Fagnahy.Naho io hatea ao, zisikamity andro
nahareizanay zay le tsy nitofa nivavake ho anareo zahay. Nangatake zahay mba ho feno fahaia ty sitrampone
amity hamarea iaby vaho fahaia ara-pagnahy nareo. [10]Nivavake zahay mba handenanareo ampahamarea ao
amity Tompo amireo fomba tean'Agnahare. Nivavake zahay mba hamokatre amity asa soa iaby nareo naho mba
hitombo fahaia an'Agnahare.[11]Mivavake zahay mba hahazo here amity fahaia iaby nareo arake ty here ty hasy

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

amity fiareta vaho ty fahareta. [12]Mivavake zahay mba hagnomea fisaora ty Raentika ankafalea nareo, ze nampana anareo anjara amity lova reo mpino amity hazava(Fagnamarea ambane peje: misy dikan-drehake ilane mivaky ty hoe:"ze nampana antika anjara").[13]Namonje anika tamity fanampahane ty ieke vaho namindra antika hoagne amity fanjaka ty Anadahine malalane Re. [14]Ao amity Anadahine ro anagnantika ty fagnavota, ty famotora reo hadisoa.(Fagnamare ambane ty peje: misy dikan-drehake ilane mivaky ty hoe:" Ao amity Anane ro anagnantika fagnavota amity alala ty lione, le ty famotora reo hadisoa.")[15]Ty anadahy le toera ty Zagnahare tsy hita maso. Re ty terake voalohane tamity famorogna. [16]Fa tamity alalane ro naharea ty zaka iaby, reo ze agne andagnitse vaho reo ze etoy ambone ty tane, reo zaka hita maso vaho reo tsy hita. Ndra reo sezan-droandria, ndra reo fandilia, ndra reo fitondram-panjaka, ndra reo manam-pahefa, reo zaka iaby le niharea tamity alalane vaho hoaze. [17]Re ro aloha ty zaka iaby, naho ao amine ro hahareta ty zaka iaby.[18]Re ro loha ty vata, vaho ty fiangona. Re ro loha vaho terake voalohane bakeo agnivo reo mate, ka re ro nana toera voalohane teo agnivo reo zaka iaby. [19]Satria tean'Agnahare ty tokone ty hivelogna ty hasoane iaby ao amine, [20]naho mba hampilongo amity alala ty Anake lahy amity zaka iaby amire ty vatane. Zagnahare le nilongo tamity alala ty lio ty hetae fijalea. Zagnahare ro nampilongo ty zaka iaby tamity vatane, ndra ty zaka iaby eto ambone ty tane ndra reo zaka iaby agne andagnitse.[21]Tamity andro raike, nareo avao kea, le vahiny tamin'Agnahare naho fahavalone tao antsaine vaho tamireo asa raty. [22]Fa henanezao re ro nampilongo anareo tamity vatane iaby tamity alala ty fate. Nataone zay mba hanova anareo ho masy, tsy hagnam-pondro eo agnoloane, naho nagnafa baraka aze naho ty fagnaratia, [23]laha nanohy amity finoa nareo, miore vaho mafe ore, le ko mihatake amity fagnategna matoky ty zaka soa ze reinareo. Toy ro zaka soa ambane ty lagnitse. Toy ro zaka soa ty, nahavy ahy ,Paoly, ho mpanompo.[24]Henanezao raho le fale amity fijaleako ho anareo, naho zaho le nameno ty nofoko ze tsy ampe amireo fijalea Kirisity naho ty vatane, le ty fiangona. [25]Naho ty fiangona ro nahampanompo ahy, arake ty asa bakamin'Agnahare ze nameane ho anareo, mba hahalefe ty safan'Agnahare. [26]Io ro mare vaho hoahy reo foko. Fa henanezao le fa niseho zay tamireo ze mino aze. [27]Tamiereo ro nitean'Agnahare nampahaie reo harea ty hasy ty hamarea mihaja toy teo agnivo ty Jentilisa. Zay le Kirisity ro aminao ao, ty toky ty hasy hoavy.[28]Le re ty nitalilianay. Nagnanatre ty nday iaby zahay, naho nampianatre ty nadty iaby tamity famarea iaby, mba hanolorantika ty ndaty iaby feno ao amy Kirisity. [29]Laha zao le miasa mafe raho vaho miezake arake ty ozane.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Fa teako ho hainareo ty habey ty tolo nataoko ho anareo, hoahy reo agne Laodikia, vaho hoahy reo maro mboe
tsy nahita ty vatako tamity nofo. [2]Miasa raho mba hagnamafe ty arofo iereo amity fampiharoa iereo miarake ao
amity hatea vaho ty harea iaby amity fahaia azo antoke, ho amity hafalea ty hamarea mihajan'Agnahare, zane
hoe, Kirisity. [3]Amine ao ty harea ty hamarea vaho ze fahaia iaby ro mihaja.[4]Mirehake zay raho mba tsy hisy
hitarike anareo amity laha-drehake mandrese lahatre. [5]Ndra le tsy miarake aminareo ao amity nofo aza raho, le
miarake aminareo ao amity fagnahy. Fale raho mahita ty filaminareo soa vaho ty hamafe ty finoanareo Kirisity.
[6]Laha nandrae Kirisity Tompo nareo, le mandeha amine ao. [7]Mifotora mafe amine, mioregna amine ao, mioregna
amity finoa ze le fa nampianare anareo, naho mazotoa magnomea fisaora.[8]Miambena mba tsy hamototre ndaty
hitsepake anareo amity alala ty filozofia ndra ty fitake avao arake ty fatao ty ndaty, te magnorike ty toera zao iaby
zao, fa tsy arake Kirisity. [9]Fa Amine ao ro mitoboke ty hasoa ty vatan'Agnahare iaby.[10]Feno nareo amine ao. Re ro
loha ty here vaho ty fahefa iaby. [11]Tamine ao avao kea nareo ro sinavatre tamity fanavara ze tsy natao ty ndaty
amity fagnafaha ty nofo amity vata, fa tamity fanavara Kirisity. [12]Niara-naleve tamine tamity batisa nareo, naho
tamine ao ro nanangana anareo tamity alala ty finoa maheren'Agnahare, te nananga aze tamireo ze mate.[13]Tamy
nareo mate tamireo hadisoa vaho ty tsy fahavita ty nofonareo fanavara, re ro namelo anareo niarake tamine
vaho namototre antika tamireo hadisoantika iaby.[Fagnamarea: misy dikan-drehake taloha ilane mivaky ty
hoe:"naho namototre ty hdisoantika iaby"] [14]Finafane ty soratre ty trosam-pagnafaha vaho reo fotsipeke
nifandietre tamintika. Nalene ze iaby zay naho pinene teo amity hetae fijalea. [15]Nalaene reo here vaho reo fahefa,
naho Re le nanao fanoroa amaso-amaso iereo, naharese mihoatre iereo tamity hetae fijalea.[16]Ka, ko enga hisy
hitsara anareo ndra amity fihinana ndra amity finoma, ndra amity andro fete ndra amity vola vaovao, ndra
amity andro Sabata. [17]Zay ro alo reo zaka hoavy, fa ty vatane ie le kirisity.[18]Ko enga hisy ndra ia ia mipay ty
hamarea vaho ty fiantsa ty anjele hitsara anareo ka tsy hahazoanareo ty lokanareo. Ty ndaty hoe zay le militre
amity zaka hitane naho manjare mieboebo amity say ty nofone. [19]Tsy mita ty lohane re. Zay le bakamity loha ty
namean'Agnahare ty vata iaby magnera reo vagnen-taolane vaho ty hetaene ze magnomea ka mita ze iaby zay
miharo; zay le mitombo miarake amity fanomboa namean'Agnahare.[20]Laha mate niarake tamy Kirisity nareo
tamireo toera zao iaby zao, nagnino are nareo ro velo hoe ty voasere amity tane: [21]"Ko mihodike, ko magnandra,
naho ko mikasike? [22]Ze zaka iaby zay le hoahy ty fahalova, arake ty torolala vaho ty fampianara ty ndaty. [23]Rey
fotsipeke rey le mana hamarea ty fomba fivavaha, ty hamarea ze natao ty vatane arere naho ty fampijalea ty
vata. Fa iereo le tsy manan-danja amity fandiera ty fandefera ty paie ty nofo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 31Ka laha Zagnahare ro nananga anareo niarake tamy Kirisity, paio reo zaka agne ambone, te itoboha
kirisity eo antagnan-kavanan'Agnahare.

[2]Dineho reo zaka agne ambone, fa tsy reo zaka antane eto. Te le fa mate nareo, naho ty fiaignanareo le mihaja
miarake amy Kirisity ao amin'Agnahare. [4]Laha fa miseho kirisity, te havelonareo, le nareo kea hiarake-hiseho
amine ao amin-kasy.[Fagnamarea egne ambane ty peje:Reo dikan-drehake taloha ilane manao ty hoe:"Laha fa
miseho kirisity, te havelonareo, le nareo avao kea le hiara-hiseho miarake amine amin-kasy.][5]Vono, bakeo, reo
mpikamba ze eto antane ty paian-draty, halotoa, fireheta ty paie, fagniria raty, naho hamahafa, te fanompoan-
tsampe. [6]Laha rey zaka rey ro hahavia ty helon'Agnahare amireo anake ty tsy fagnenkea. [Fagnamarea egne
ambane peje:Ty dikan-drehake taloha ilane mivaky ty hoe:Naho rey zaka rey ro mahavy ty helon'Agnahare."]
[7]Tamirey zaka ze nandehananareo rey taloha avao kea laha fa mboe nivelo tao amirey nareo. [8]Fa henanezao
nareo le tsy mahaintsy magnary rey zaka iaby rey_heloke, havignira, reo dine-draty, reo fandratia, naho tsara
raty bakamity vavanareo.[9]Ko mifavande, te le fa narianareo ty toera taloha miarake amireo fanoa zay, [10]naho
nisikinareo ty toera vao ze nihavaoze ao amity fahaia arake ty toera ze namoro zay. [11]Ao amizay le tsy misy Grika
vaho Jiosy, voasavatre vaho tsy voasavatre, barbariana, Skytiana, ndevo, ndaty hafa, fa Kirisity ro iaby, naho ao
amy iaby.[12]Ka, misikina, arake ty maha-ndaty voafilin'Agnahare, masy naho malala, fandefera, hasoam-pagnahy,
hamarea, falemeam-pagnahy, naho fahareta. [13]Mifampindaisa soa. Mifamotora. Laha misy ndaty raike mana
fitaraigna miomba ty ndaty hafa, mamotora hoe ty namotora Tompo anareo. [14]Ambone rey zaka iaby rey, mana
hatea, te mamehe antika amity halefea.[15]Ao ty fiadagna Kirisity handily ao amity arofonareo. Fa hoahy ze
fiadagna zay ro nikaiha anareo ho vata raike. Naho misaora. [16]Ao ty tsara kirisity hitoboke imaro aminareo ao.
Amity hamarea iaby mifagnanara naho mifampianara amireo salamo vaho fihira naho antsa aram-pagnahy.
Mihira amity fisaora ao agnarofonareo ho an'Agnahare. [17]Ndra ino ino ataonareo, ndra amity rehake ndra amity
asa, anovo amity agnara Tompo Jesosy iaby. Magnomeza fisaora ho an'Agnahare ty Raike amity alalane.[18]Ry
ampela, magnenkea ty valinareo, fa zay ro mete ao amy Tompo. [19]Ry lahialhy, teavo ty valinareo, naho ko masiake
amiereo. [20]Ry anake, magnekea ty rae aman-drenenareo amity zaka iaby, fa zay ro isaora ao amy Tompo. [21]Ry rae,
ko manao ze mampalahelo reo anagnareo, mba tsy ho kivy iereo.[22]Ry ndevo, magnenkea ty tomponareo arake ty
nofo amireo zaka iaby, tsy amity asa eo amaso hoe ty ndaty mipay saotre, fa amity arofo soa. Matahora Tompo.
[23]Ndra ino ino ataonareo, miasa bakamity fagnahinareo hoe ty hoahy Tompo fa tsy hoahy ty ndaty. [24]Hainareo fa
nareo le handrae ty valesoa ty lova bakamy Tompo. Re ro Tompo Kirisity ty tompoenareo. [25]Fa ze manao ty
hamarea le handrae ty saze hoahy ty tsy hamarea ze nataone, naho tsy misy fagnentea-tarehe.

Chapter 4

[1]Ry Tompo, ameo reo ndevo te mare vaho rarene. Hainareo fa nareo avao kea mana tompo raike andagnitse. [2]Mahareta zisikagne amity fivavaha. Miambena amizay amity fagnomea fisaora. [3]Miaraha miavake ho anay avao kea, mba hanokafan'Agnahare varavara hoahy ty tsara, mba hirehafa ty hamarea mihaja Kirisity. Naho ty amizay, le voafehe raho. [4]Mivavaha mba hahafahako magnazava zay, laha tokone hirehake raho.Mandehana amity hamarea agne amireo ze agne amabalike, naho harararaoto ty andro. Ao ty rehanareo hiarake amity hasoava zisikagne. [6]Ao reo ho vonton-tsira, mba hahafahanareo mahay ty fomba tokone hamaleanareo ty ndaty kirai-kiraike.[7]Laha reo zaka miomba ahy, le Tykyko ro hampahay rey aminareo. Re le rahalahy malala, mpanompo matoky, naho mpiara-manompo ao amy Tompo. [8]Nalefako agne aminareo re naho zao, mba hahafahanareo mahay ty zaka miomba anay, naho mba hahafahane magnamafe ty arofonareo.[Fagnamarea egne ambane ty peje: reo dikan-drehake ilane taloha mivaky ty hoe:"nalefako agne aminareo re naho zao, mba hahafahane mahay reo zaka miomba anareo, naho mba hahafahane magnamafe ty arofonareo."] [9]Nalefako re niarake tamy Onesimosy, ty rahalahy matoky vaho malala, te raike aminareo. Iereo ro nitalily aminareo ty zaka iaby ze fa niseho tatoy.[10]Aristarko, ty miara-migadra amiko, le miarahaba anareo, manahake zay kea ty Marka, longo Bernabasy(zay nahazoanareo baiko; laha mbaeo aminareo re, le raeso), [11]naho Jesosy avao kea te ataon ty Josto. Reo bakamity voasavatre reo avao ro mpiara-miasa amiko hoahy ty fanjakan'Agnhare. Fampionogna hoahy iereo. [12]Epafra le miarahaba anareo. Raike aminareo re naho mpanompo Kirisity Jesosy. Mitolo ambavake ho anareo avao re, mba hahalefe anareo naho hahazo antoke vatane ao amity sitrampon'Agnahare iaby. [13]Fa mitsanga vavolombelo hoaze raho, fa miasa mafe ho anareo re, vaho hoahy reo agne Laodika, naho hoahy reo ze agne Hierapolia. [14]Lioka ty mpitsabo malala vaho Demasy le miarahaba anareo.[15]Salamao reo rahalahy agne Laodika, vaho Nymfa, naho ty fiangona ze ao antragnone. [16]Laha fa voavaky eo agnivonareo ty taratasy toy, le anovo vakie ao amity fiangona Laodikiana avao kea, naho anovo voavakinareo avao kea ty taratasy bakagne Laodika. [17]Rehafo Arikipo ty hoe:"Ambeno ty asa fanompoa ze niraesenao tao amity Tompo, fa tokone hataonareo zay."[18]Ty fanovam-beloma toy le atao ty tagnako arere_Paoly. Tiarovo ty fifeheako. Ho aminareo anie ty hasoava.

# 1 Thessalonians

Chapter 1

[1]Paoly, Silasy, vaho Timote ho ahy ty fiangona reo Tesaloniana ao amy ty Andragnahare Rae naho Jesosy Kristy Tompo. Ho aminareo ty fahasoava naho ty fiadagna. [Fahamarigna: Reo dikan-teny ilane taloha le mivake tihoe: "Ho aminreo vantane ty fahasoava naho ty fiadagna bak'amy ty Andragnahare Rae naho Jesosy Kristy Tompo."][2]Magnome fisaora ahy ty Andragnahare san'andro zahay ty aminareo iaby, le manogno nareo amy ty vavakay. [3]Zahay le tsy mijano ty mahatiaro anareo eo agnatreha ty Andragnahare Raentika ty asa ty finoanareo, ty asa ty fitiavanareo, vaho fahatokisanarei maharitse ho ahy ty ho avy ao amy ndre Jesosy Kristy Tompontika. [4]Rahalahy tea ty Andragnahare, hay te Reke le fa nifile anareo, [5]satria ty filazantsaranay le avy taminareo tsy tamy ty rehake avao, te tamy ty here avao kea, tamy ty Fagnahy Masy, vaho ty fahatokia bey. Mitove amy zay nareo avao kea le mahay tihoe ndaty manahake ty manao akore zahay teo aminareo noho ty aminareo.[6]Nanjare nanahake anay naho ty Tompo nareo, tamy ty nandrambesanareo ty tsara tamy ty ale sarotse bey naho tamy ty fifalea bak'amy ty Fagnahe Mase. [7]Vokatse zay, avy ohatse ho ahy ty iaby ze matoke ao Makedonia naho Akaia nareo.[8]Te bak'aminareo ro nagnenoa ty tsara ty Tompo, vaho tsy tao Makedonia naho Akaia avao. Te kea, tegny amy ty toera iaby ro nieleza ty finoanareo ahy ty Andragnahare. Vokatsy zay, le tsy mipay mitalily na ino na ino tika. [9]Te iareo avao ro hitalily ze fandraisa azonay teo aminareo. Iareo le mitalily ty fomba nitolihanreo tamy ty Andragnahare le niala tamy rei sampe soa hanompo ahy ty Andragnahare velo naho to. [10]Iareo le nitatitse te nareo le miambe ty Anane bak'agne an-dagnitse, ze natsangane tamy reo mate. Jesosy zay, ze magnafake antika amy ty fahatezera ho ave.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Te ty vatanareo le mahay, rahalahy, te ty fiavianay teto aminareo le tsy rava. [2]Hainareo te teo aloha le nijale vaho nafaham-baraka tagne Filipy zahay. Zahay le mahasake tao amy ty Andragnaharenay hitalily taminareo ty filazantsara ty Andragnahare tao ampo ty fanohera bey.[3]Satria ty fagnanaranay le tsy bak'amy ty fahadisoa, na bak'amy ty fahalotoa, na bak'amy ty fitake. [4]Te kea, arake ty nagnina ty Andragnahare anay soa hatokisa amy ty filazantsa, noho zay le mitsara zahay. Mitsara zahay, tsy hampifale ty ndaty, te hampifale ahy ty Andragnahare. Reke iaze mahay ty arofonay.[5]Satria tsy le nampiasa na ombia na ombia reo tsara fitsiriria zahay, arake ty hainareo, na kea ho fialan-tsine amy ty fagniria, satria Andragnahare ro vavolombelonay. [6]Na kea nipay ty hasy bak'amy ty ndaty zahay, na kea bak'aminareo na bak'amy reo hafa. Zahay le afake nipay reo tombotso manahake reo apostoly ndre Kristy.[7]Te kea, zahay le mora teo aminareo manahake ty regny mankahere ty anane naterahe. [Fagnamariha: Reo dikan-teny hafa ilane le mivake manahake zao: "Te kea, zahay le manahake ty ajajakele teo aminareo, lafa mankahere ty anane naterane ty reine."] [8]Le manahake zay ro nanagnanay fitiava ho nareo. Fale zahay mizara aminareo, tsy ty filazantsara ahy ty Andragnahare avao, te fiaignanay manoka avao kea. Satria nareo le lasa malalanay vatane. [9]Satria tiaronareo, rahalahy, ty asanay naho ty fikofohanay. Andro amy ty halike ro niasanay soa tsy ahafahanay manday mavesatse ty raeke aminareo. Agnate zay fotoa zay, le nitory ty filazantsara ty Andragnahare taminareo zahay.[10]Nareo ro vavolombelo, vaho Andragnahare avao kea, te mase, naho to, vaho tsy manan-tsikone ty fitondran-tegnanay teo aminareo ze mino. [11]Manahake zay avao kea le hainareo tihoe m,anahake ty manao akore ro nataonay taminareo kiraikiraike manahake ty atao ty rae amy ty anane naterane, [12]nangatake naho nankehere vaho nandrisike anareo zahay soa handeha amy ty fomba ze maeva ahy ty Andragnahare, ze mikaike anareo ho ao amy ty fanjakane naho ty hasine manoka.[13]Te zay antone zay ro isaoranay avao kea ahy ty Andragnahare san'andro. Te nareo lafa nandrambe bak'aminay ty hafatse ty Andragnahare ze janjinareo, le nirambesinareo zay tsy hanahake ty rehake ty ndaty. te kea, nirambesinareo zay arake ze to, le ty tsara ty Andragnahare. Zay tsara zay avap kea ro miasa eo aminareoze mino.[14]Satria nareo, rahalahy, le lasa manahake reo fiangona ty Andragnahare agne Jodia ze amy ndre Jesosy Kristy. Te nareo avao kea le nijale tamy reo raraha reo avao noho ty natao reo mpiray tanendraza aminareo, sahala ty nahazo aiereo kea noho ty natao ty Jiosy tamine. [15]Reo Jiosy ro namono na ahy ndre Jesosy Kristy na reo mpitoke. Reo Jiosy ro nandroake anay. Tsy tea ahy ty Andragnahare iare. te kea, iareo le fahavalo ty ndaty iaby. [16]Iareo le nandrara anay tsy hirehake amy reo Jentilisa so tsy hamonjea aze regne. Vokatsy zay le mameno ty fahota ty vatagne sanandro iareo. Ty siake le tsy maintse avy eo amy iareo amy ty farane.[17]Tafasake taminareo zahay, rahalahy, agnate ty fotoa fohike, tamy ty fagnatreha te tsy tamy ty arofo. Vatane nazoto mafe zahay, nagniry mafe ty hahisakety vatanareo. [18]Satria nagniry ty ho agne aminareo zahay, raho, Paoly, matetiteike, feie nanaka anay re Satana. [19]Te ino moa ty fagnantegnanay ty ho ave, na fifalea, na satro-bonihatse ty fandresea eo agnatreha ndre Jesosy Tompontika amy ty fiaviane? Nao tsy nareo manahake reo ilane hafa kea vao? [20]Te nareo ro voninahitsay naho fifaleanay.

Chapter 3

[1]Noho zay, lafa tsy afake nniaritse zay sase zahay, le nieretseretiany te soa ty mitoetse arere tao Atena. [2]Nandefa
ahy ndre Timoty zahay, rahalahinay naho mpiara-miasa ho ahy ty Andragnahare ao amy ty filazantsara ndre
Kristy, soa hagnamafe naho hankahere mikasike ty finoanareo. [Fagnamariha: Ty dikan-tsara ilane hafa taloha le
mivake tihoe: "Nandefa ahy ndre Timoty zahay, rahalahinay vaho mpiasa ndre Kristy."] [3]Nataonay zay soa tsy
hisy ndaty ho taitse noho reo fahoria reo. Te na vatanareo le mahay te zay ro nanendrea antika.[4]To vantane, lafa
niarake taminareo zahay, le nitalily mialoha taminareo te tika le tsy maintse hampinjale, vaho niseho zay, arake
ty fahainareo. [5]Noho zay antone zay, lafa tsy naharitse zay sase raho, le nagnirake soa ahizako ty finoanareo. Vasa
ty mpaka fagnhy le fa nangalake fagnahy anareo, vaho ho zaka-foa ty asantika.[6]Te avy tatoy aminay bak'agne
aminareo re timote vaho nanday ty vaovao mahafale ty finoa naho fitiavanareo ho anay. Nitalily taminay reke te
nareo le mana fahatiarova soa anay avao, vaho nareo le magniry mafe ty ahisake anay manahake ty fagnirianay
ahisake nareo. [7]Noho zay, ry rahalahy, zahay le nampaherinareo noho ty finoanareo, tao ampo ty fitaintaigna
naho fahorinay iaby.[8]Te henane zao velo zahay, laha mifikitse mafe amy ty Tompo nareo. [9]Te fisaora manahake ty
manao akore ro azonay omea ahy ty Andragnahare ty aminareo, tamy ty fifalea iaby ze anagnanay teo agnatreha
ty Andragnaharenay noho ty aminareo? [10]Mivavake mafe andro amy ty halike zahay soa mete ahisake ty
tarehinareo naho hagnome ze tsy ampe ao amy ty finoanareo.[11]Andragnahare Raentika vatane, vaho Jesosy
Tompontika, hagnity ty lalagnay ho aminareo. [12]Ty Tompo hampitombo naho hampandroso amy ty
fifankatiavanareo amy ty hafa naho ty ndaty iaby, manahake ty ataonay aminareo kea. [13]Reke hagnamafe ty
arofonareo, le soa tsy hanan-tsikone amy ty fahamasigna iareo eo agnatreha ty Andragnahare Raentika, amy ty
fiavia ndre Jesosy Tompontika miarak'amy reo masine iaby.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Vaho farane, rahalahy, mampahare naho magnanatse anareo zahay ao amy ty Tompo Jesosy. Laha nahazo reo
fampianara bak'aminay nareo mikasike ty fomba tsy maintse handenanareo naho hamalefalenareo ahy ty
Andragnahare, ty amy io lala andena io avao kea, le soa anaovanareo mihoatse zay. [2]Te nareo le mahay reo
fampianara ze nomeanay anareo tamy ty alala ndre Jesosy Tompo.[3]Te zao ro tea ty Andragnahare, le ty
hagnamase anareo, soa hialanareo amy ty fijangajanga, [4]ze ahizanareo ty kiraikiraeke bak'aminareo ty fomba
ahazoa ty fanake ty vatagne ao amy ty fahamasigna naho voninahitse, [5]tsy amy ty filan-drate (manahake reo
Jentilisa ze tsy mahay ahy ty Andragnahare) [6]Lonike tsy hisy ndaty handika na hagnarate ty rahalahine amyzay.
Te ty Tompo ro mamale amy regny zaka-iaby regny, manahake ty nampitaoanay mialoha naho nitsangananay
vavolombelo taminareo.[7]Te Andragnahare tsy nikaike anay ho amy ty fahalotoa, te amy ty fahamasigna. [8]Noho
zay, re ze milietse zay le tsy milietse ndaty, te Andragnahare, ze nagnome ty Fagnahine Masy ho anareo.[9]Mikasike
ty fifankateava ty mpirahalahy, tsy mipay ndaty nareo hanoratse ho anareo, te nareo vatanareo le nampianara ty
Andragnahare soa hifankatea[10]Ataonareo vatagne zay, ho ahy reo rahalahy iaby ze feno ndre Makedonia. Te
zahay le magnanatse anareo, rahalahy, soa hanao mihoatse. [11]Magnanatse anareo avao kea zahay soa hagnandra
hiay am-pilamina, handinike ty rahalahinareo, arake ty nandilianay anareo, [12]soa hanagnanareo fitondran-tegna
maeva eo agnatreha reo tsy matoke vaho tsy hanan-jaka-ijalea.[13]Te tsy teanay tsy ho hainareo, rahalahy, ty
mikasike reo ze nivilase, soa tsy hampalahelo nareo manahake reo ambine ze tsy mana antoke ty amy ty ho ave.
[14]Te laha matoke tika te Jesosy le mate vaho nitsanga ndraeke, le manahake zay kea ro handesa ty Andragnahare
miarake amy ndre Jesosy reo ze fa nivilase tao amine. [15]Te zao ro talilinay aminareo tamy ty tsara ty Tompo, te
tika ze velo, ze sisa tavela amy ty fiavia ty Tompo, le tsy hialoha reo ze nivilase.[16]Te ty vata ty Tompo no hizotso
bak'agne an-dagnitse. Ho avy miarake amy ty feoa ambone Reke, miarake amy ty feo ty Arjanjele, vaho miarake
amy ty Trompetra ty Andragnahare, vaho ty mate ao amy ndre Kristy ro hitsanga voalohane. [17]bak-eo tika ze velo,
ze sisa tavela, hiarake hiakatse amy iareo egne amy ty hiboke le hihao amy ty Tompo egne amy lagnitse. Amy zay
le hiarake amy ty Tompo sanandro tika. [18]Noho zay, mifankahereza amy reo tsara reo.

Chapter 5

[1]Henanezao mikasike reo fotoa naho reo vanem-potoa, rahalahy, tsy mipay na ino na ino voasoratse ho anareo
nareo. [2]Te nareo vatanareo mahay soa te ty andro ty Tompo le ho ave manahake ty mpangalatse amy ty halike.
[3]Lafa mitsara iareo, " malao naho milame," le fahapoteha tampoke ro ho avy amy iareo. Hanahake ty fahararia ty
ampela bevoka lafa miterake zay, Tsy ho afake lomay zao iareo.[4]Te nareo, rahalahy, le tsy ao agne te ty ike le
hahatratse anareo tampoke manahake ty mpangalatse ty andro. [5]Te nareo iaby le anake ty mazava naho anake ty
andro. Tsy ana ty halike na ty iike. [6]noho zay, ndao tika tsy hatory manahake ty fatao ty ambine. Te kea manahake
ty fatao ty ambine. Te kea, lonike tika hiambe naho hahonon-tegna. [7]Te reo ze matore e manao zay amy ty halike,
vaho reo ze mamo le manao zay avao kea amy ty halike.[8]Te laha mboe ahy ty andro tika, le tsy maintse mahafehy
vata vaho misike finoa naho fitiava ho fiarovan-tratra, vaho ty antoke ty famonjea amy ty ho ave ho fiarovan-
dohantika. [9]Te Andragnahare tsy nanendre antika ho amy ty siake, te hahazoa ty famonjea amy ty alala ndre
Jesosy Kristy Tompontika. [10]Reke iaze mate ho antika, na mifoha tika na matore, le afake miara-miay amine. [11]Le
noho zay mifampionona vaho mifampihereza nareo, manahake ty fa nataonareo.[12]Mangatake aminareo zahay,
rahalahy, soa hagnekenarei ze mikele fiay aminareo naho manday anareo amy ty Tompo vaho ze magnantse
anareo. [13]Mangatake anareo avao kea zahay soa hiasy aiereo am-pitiava noho ty asa iareo. Milongoa amy ty
vatanareo. [14]Magnanatse anareo zahay, rahalahy: mampitandrema ty fikorontagna, hampaherezo reo kivy,
ampeo reo maleme, mahareta amy ty iaby.[15]Ingo tsy misy ndaty mamale rate ty rate na am'ia na ia. Te kea,
mipaiava ze soa ho ahy ty kiraikiraeke naho ho ahy ty iaby. [16]Mifalea san'andro. [17]Ko mijano mivavake. [18]Misaora
amy ty raraha iaby. Te zay ro tea ty Andragnahare ao amy ndre Kristy Jesosy ho anareo.[19]Ko mamono ty Fagnahy.
[20]Ko manao tsy misy dikane reo fitokia. [21]Andramo ty zaka-iaby. Mipitiha amy ze soa. [22]Afaha reo fisehoa ty rate
iaby.[23]Andragnahare ty fiadagna vatane hampamasy anao iaby. Lonike ty fagnahinareo iaby, ty fiay, vaho ty vata
le hitehirize tsy hanan-tsikone ho amy ty fiavia ndre Jesosy Kristy Tompontika. [24]Matoke reke iaze mikaike anao,
iaze raeke ze hanao zay avao kea.[25]rahalahy, mivavake avao kea ho anay. [26]Salamao amy ty fagnoroha masy ty
rahalahy iaby. [27]Mangatake aminareo amy ty Tompo raho soa vaky amy ty rahalahy iaby toy taratase toy. [28]Ho
aminareo ty fahasoava ndre Jesosy Kristy Tompontika.

# 2 Thessalonians

Chapter 1

[1]Paoly, naho Silasy, vaho Timoty, ho agne amy ty fiangona reo Tesaloniana ao amy ty Andragnahare Raentika
naho Jesosy Kristy Tompo. [2]Ho aminareo ty fahasoava naho fiadagna bak'amy ty Andragnahare Raentika naho
Jesosy Kristy Tompo.[3]Zahay le tokone hagnome fisaora ahy ty Andragnahare ho anareo avao, rahalahy. Te zay ro
soa atao, satria vatagne mitombo mafe ty finoanare, vaho ty fitiavanareo kiraikiraike le mitombo ho ahy ty hafa.
[4]Noho zay le zahay vatanay le mirehake am-pirehareha mikasike anareo eo amy reo fiangona ty Andragnahare.
Zahay le miresake ty mikasike ty faharetanareo vaho ty finoanareo tamy ty ze iaby fagnenjeha anareo. Mirehake
mikasike reo fahoria ze niaretanareo. [5]Zay le famantara ty fitsara to ty Andragnahare. Ty vokane le horambese
ho maeva ty fanjaka ty Andragnahare ze nijalianareo nareo.[6]To amy ty Andragnahare ty hamale fahoria reoze
mampahore anareo, [7]vaho hagnome fitofa ho anareo ze nampahory niarake taminay. Ho ataone zay amy ty
fisehoa ndre Jesosy Tompo bak'agne an-dagnitse miarake amy reo anjele ty herene. [8]Ao amy ty afo milelalela ro
hanaovane ty valifate amy reo ze tsy mahay ahy ty Andragnahare naho may reo ze tsy mamale ty filazantsara
ndre Jesosy Tompontika.[9]Iareo le hijale amy ty fadilova ty fandrva zisikam-parane lavitse ty fagnatreha ty Tompo
naho ty voninahitse ty herene. [10]Hanao zay reke lafa avy amy zay andro zay soa hagnomeza ty ndaty hasy aze
naho hiveregna reo aiby ze natoke. Te ty fitsangananay vavolombelo aminareo le natokia.[11]Noho zay le mivavake
sanandro ho anareo avao kea zahay. Mivavake zahay soa ho mendreke ty ho rambese ty Andragnaharentika amy
ty fikaiha anareo. MIvavake zahay soa ho vitaine amy ty here ty fagnirianareo ty hasoa naho ty asa ty finoa iaby.
[12]Mivavake ho ahy reo raraha reo zahay soa omanareo hasy ty agnara ndre Jesosy Tompontika. Mivavake zahay
soa hagnomezane hasy anareo, noho ty fahasoava ty Andragnaharentika naho Jesosy Kristy Tompo.

## Chapter 2

[1]Henane zao ty mikasike ty fiavia ndre Jesosy Kristy Tompontika naho ty namoria antika iarake amine:
magnontane anareo zahay, rahalahy, [2]soa tsy ho mora helingelegny na hihorohoro nareo, na amy ty fagnahy, na
amy ty hafatse, na amy ty taratasy ze manahake tihoe ho bak'aminay, noho ty vokatse ty fiavia zay andro ty
Tompo zay.[3]Ko apoke hisy ndaty hamitake anareo na amy ty fomba manao akore. Te tsy ho avy zay laha tsy afara
ty fiavia ty filavoa, vaho ty lehilahy mpandika lalàgna le aseho, ty anake ty fahasimba. [Fahamarigna: ty dikan-
tene taloha ilane le mivake tihoe: "vaho ty lehilahy mpanao rate le amboake"]. [4]Reke iaze manohiste naho
manondrotse ty vatane amy ze iaby kinaike tihoe Andragnahare na ze ivavaha. Vokatsy zay, le nitoboke tao amy
ty Tempole ty Andragnahare reke vaho mampiseho ty vatane hanahake ty Andragnahare.[5]tsy tiarnareo vao te
nanomboke raho niarake taminareo le fa nitsara reo raraha reo? [6]Henane zao hainareo ino ro mitanjake aze, soa
hisehoane amy ty fotoa mete arere avao. [7]Te ty zaka-mmivone ty fandikan-dalàgna le fa miasa, misy ndaty raeke
avai misaka aze henane zao mandra-pangaka aze teo amy ty lala.[8]Bak'eo iaze vatane mpandika lalàgna le ho
amboake, ze hovonoa ndre Jesosy Tompo amy ty fofompiay ty vavane. Ty Tompo le handay aze amy ty tsy misy
dikane amy ty alala ty fisehoa ty fiavine. [9]TY fiavia iaze vatane mpandika lalàgna le noho ty asa ty Satana miarake
amy ty here iaby, reo famantara, vaho reo haveregna tsy to, [10]vaho miarake amy ty fitake iaby ty amy ty tsy
fahamarigna. Reo raraha reo le ho ahy reo ze vere, satria iareo le tsy nandrambe ty fitiava ty fahamarigna soa
ahavoavonje aiereo.[11]Noho zay antone zay le mandefa asa ty fahadisoa Andragnahare soa hinoa iareo vande.
[12]Vokatse zay le hitsara iaby iareo, reo ze tsy matoke ty fahamarigna te kea mangalake fahafinareta amy ty tsy
fahamarigna.[13] Te zahay le tokone magnome fisaora ahy ty Andragnahare avao ho anareo, rahalahy nitiave ty
Tompo. Te Andragnahare ro nifily anareo manahake reo voaloham-boktse ho ahy ty famonjea amy ty
fagnamasigna ty Fagnahy naho fino ty fahamarigna. [Fagnamariha: ty dikan-tene hafa le mivake manahake zao:
"Te Andragnahare le nifily anareo hataramy ty voalohane ho ahy ty famonjea]. [14]Zay ro niantsoane anareo tamy
ty alala ty filazantsaranay soa ahazoanareo ty hasy ndre Jesosy Kristy Tompontika. [15]Le nho zay, rahalahy,
mitsangana mafe. Tano reo fahamarigna ze nampianare anareo. Na tamy ty soa na tamy ty taratasinay.[16]Henane
zao lonike re Jesosy Kristy Tompontika vatane, vaho Andragnahare Raentika ze teantika naho nagnome antika
fankahereza zisikam-parane naho ty fahatokia soa ho ahy ty ho ave amy ty alala ty fahasoava, [17]hankahere vaho
hametrake ty arofonareo amy ty asa iaby naho ty tsara.

Chapter 3

[1]Henanezao, rahalahy, mivavake ho anay, soa ho antsa naho homem-boninahitse ty tsara ty Tompo, le manahake
zay avao kea ty aminareo. [2]Mivavaha soa hjo afake amy reo rate fagnahy naho ndate rate zahay, te tsy ty iaby ro
manam-pinoa. [3]Te ty Tompo le matoke, ze magnamafe ore naho miambe anareo amy iaze rate.[4]Mana fahatokia
amy ty Tompo mikasike anareo zahay, soa sade hanaovanre ro hanohizanareo reo raraha ze nandilia anay nareo.
[5]Ty Tompo vatane hitarike ty afonareo ho amy ty fitiava ty Andragnahare naho ty fiareta ndre Kristy.[6]Henane zao
mandile anareo zahay, rahalahy, amy ty agnara ndre Jesosy Kristy Tompontika, soa hiala amy reo rahalahy iaby
ze miay ao ampo ty hakamoa naho tsy arake reo fomban-draza ze nirambesianareo taminay. [7]Te nanreo
vatanareo le mahay te mete aminareo ty mangalake manahake anay. Tsy niay teo agnivonareo manahake reo ze
niaigne teo agnivonareo manahake reo ze tsy nana fifameheza zahay. [8]Tsy nihina mahatajake ty ndaty tsy naloa
ndrala zahay. Te kea, niasa andro amy ty halike tamy ty asa sarotse naho ty zaka-sarotse zahay, soa tsy ho enta-
mavesate ho ahy ty kiraikiraike aminareo. [9]Tsy tihoe noho ty tsy fanagna fahefa ro nanaovanay zay. Te kea,
nanao zay zahay soa fitaratse ho anareo, le soa hanahake anay nareo.[10]Lafa niarake taminareo zahay, le nandile
anareo tihoe: "laha misy raeke tsy te hiasa, le tsy tokone hihina reke." [11]Te maheno zahay te miraverave tagna ty
ilane aminareo. Tsy miasa iareo te mpilitse. [12]Henane zao reo ndaty manahake zay le lilinay naho hanarinay amy
ndre Jesosy Kristy Tompo, soa hiasa am-patsigna naho hihina ty mahatajake iareo manoka.[13]Te nareo, rahalahy,
ko mamoe arofo amy ty fanaova ze to. [14]Laha misy tsy magnina ty tsarantika amy toy taratasy toy, mariho eo amy
fanjo ty ndaty reke vaho ko mana fifandraisa amine, le mete ho megnatse reke. [15]Ko rambesy ho fahavalo reke, te
hanaro hanahake ty rahalahy.[16]Te iaze Tompo ty fiadagna vatagne hagnome fiadagna anareo amy reo fotoa naho
reo fomba iaby. Ho aminareo iaby vatagne ty Tompo. [17]Toy ro fanaova veloma, raho Paoly, tamy ty tagnako, ze
famantara amy ty taratasy iaby. Zao ro soratse. [18]Ty hasoava ndre Jesosy Kristy Tompontika vatagne ho aminareo
iaby.

# 1 Timothy

Chapter 1

[1]Paoly, apositoly Kirisity Jesosy arake ty lilin'Agnahare mpamonje antika vaho Kirisity Jesosy tokintika, 2hoahy
Timoty, anadahy mare ao amity finoa: Hasoava, fandefera, naho fiadagna bakaminagnahare Rae vaho Kirisity
Jesosy Tompontika.[3]Arake ty nangataheko mafe hataonao laha fa niala tao Makedona raho, mitoboha ao Efesosy
mba hahafahanao mibaiko reo ndaty ilane tsy hampianatre foto-pianara hafa [4]tsy tokone hiambe reo tantara
vaho tetiara tsy misy fiafarane iereo. Reo le niterake alihevetre fa tsy magnampe ty asan'Afgnahare, zay amity
alala ty finoa.[5]Naho ty tanjo ty lili folo le hatea bakamity arofo malio, bakamity feo ty fandineha soa, naho
bakamity finoa tsy mihatsaravelatsihy. [6]Ty ndaty ilane le tsy nahatratre ty dinene naho niala tamireo zaka reo
hoagne amity laha-drehake gegegege. [7]Iereo le te ho mpampiana-dily, kanefa iereo tsy mahazo ze rehafene vaho
zizo iereo. [8]Fa tika le mahay fa ty lily le soa laha misy raike mampiasa aze amity ara-dily.[9]Tika le mahay zay, fa ty
lily le tsy natao hoahy ty ndaty mare, fa hoahy ty mpandika lily vaho ndaty mpanvande, hoahy reo raty fagnahy
vaho mpanota, naho hoahy reo zagnaharen-diso vaho tsy masy. Zay le natao hoahy reo ze mamono ty raene vaho
ty renene, hoahy reo mpamono ndaty, [10]hoahy reo raty etam-bata ara-nofo, hoahy reo sodomita, hoahy reo mpan-
drava ndaty mba ho andevoze, hoahy reo mpavande, hoahy reo vavolombelo diso, naho ndra ino ino hafa
mandietre ty fagnanara matoky. [11]O fagnanara ao le mifagnarake amity zaka soa ty hasin'Agnahare voatahy ze
nankine tamiko.[12]Isaorako Kirisity Jesosy Tompontika. Nagnamafe ahy Re, fa nataone matoky raho, naho
nanendre ahy ho amity fanompoa Re. [13]Raho le mpireha-draty, mpaneseke, naho lahilahy marehareha. Kanefa
nahazo fandefera raho tamity tsy fahaia ro nanovako zay naho ty tsy finoa. [14]Fa ty hasoava Tompontika ro nanaro
tamity finoa vaho hatea te ao amy Kirisity Jesosy.[15]Ze talily zao le azo antoke vaho soa ty fagnenkea iaby, fa
Kirisity Jesosy le niavy teto antane hamonje reo mpanota. Zaho ro raty vatane tamireo. [16]Fa laha ze antone zao ro
nandefera tamiko, mba amity alalako, ty bey vatane Kirisity Jesosy le mete hanoro ty fahareta iaby. Nanao zay Re
ho ohatre hoahy reo ze magniry hatoky Aze hoahy ty havelo zisikefarane. [17]Naho hoahy ty mpanjaka ty tao, tsy
mete mate, tsy hita maso, ty Zagnahare arere, anie ty Laza vaho ty hasy zisikagne doria. Amena.Ze lily zao ro
ameako anao, Timoty, anako, arake reo famisavisa natao miomba anao tagne aloha, fa riha le mete hialy ty aly
soa, [19]ty fitana ty finoa vaho ty fandineha soa. Tamity fandiera zay, misy ty nanao sambo vaky ty finoane.
[20]Manahake Hymeneo vaho Aleksandro, te nanolotre hoahy ty Satana mba hanoroa iereo tsy hireha-draty.

Chapter 2

[1]Voalohane vatane laha zao, le mandrisike raho fa reo fangataha, vavake, fifona, naho fisaora le natao hoahy ty
ndaty iaby, [2]hoahy reo mpanjaka vaho reo iaby eo amity fahefa, mba hahafahantika mivelo ampilamina vaho
mivelo milamy amity toe-pagnahy arake an'Agnahare vaho hametea iaby. [3]Zay le soa vaho azo enkene eo
agnoloan'Agnahare mpamonjentika. [4]Paie mba ho vonje iaby ty ndaty iaby naho hoavy amity fahaia ty mare.[5]Fa
raike avao ro Zagnahare, naho raike avao ro mpagnelagnela an'Agnahare vaho ty ndaty, le ty lahilahy kirisity
Jesosy. [6]Re nagnomea ty vatane ho vilim-pagnavota hoahy iaby, manahake ty fisehoa vavolombelo amity andro
tokone ho ie. [7]Fa amize dineke zay, raho, ty vatako, le natao ho mpitalily vaho ho apositoly. Mirehake ty mare
raho. Tsy mavande raho. Mampianatre reoJentilisa amity finoa vaho ty hamarea raho.[8]Laha zao, teako ty lahilahy
ndra ia ia mba hivavake vaho hagnakatagna masy tsy amin-keloke ndra amity fifandiera. [9]Ka zay koa, teako ty
ampela mba hiakanjo akanjo soa amity vatane, amity hamarea vaho fahafeheam-bata. Tsy tokone hanao volo
mitaly, ndra volamena, ndra voahangy, ndra akanjo lafo vily. [10]Teko iereo hiakanjo amize mete hoahy reo ampela
ze manoro toeram-pagnahy arake an'Agnahare amity alala reo asa soa.[11]Ty ampela le tokone hianatre
ampilamina naho hagnenke vatane. [12]Tsy engako hampianatre ty ampela ndra hampianatre fahefa amity
lahilahy, fa hijano ao agnate filamina.[13]Fa Adama ro finoro voalohane, bakeo Eva. Adama le tsy voafitake, fa ty
ampela ro voafitake vatane tamity fandikan-dily. [15]Ndra zay aza, ho vonje re amity alala ty fiterahan-kolo, naho
mitohy amity finoa vaho hatea naho hamasigna miarake amity fagnonognambata.

## Chapter 3

[1]Matokia ze tsara zao:Laha misy ndaty raike magniry ty ho mpita, le magniry asa soa re. [2]Laha zao le ty mpita le
tsy mahaintsy tsy manan-tsiny. Tsy mahanintsy manambaly ampela arere re. Re le tokone hahay hanao, mare, tea
filamina, tea mandrae ndaty. Tsy mahaintsy mahay mpampianatre re. [3]Tsy tokone zaka-raty amity divay re, tsy
mpimpay aly, fa kea, maleme fagnahy, lako fandefera. Re le tsy tokone ho tea vola.[4]Tokone hita soa ty
tokatragnone re, naho reo anane le tokone hagnenke aze ampagnaja vatane. [5]Fa laha tsy mahay mita ty
tokatragnone re, akore ro hikarakarane ty fiangonan'Agnahare?[6]Tsy tokone ho ndaty vaho niova arofo re, mab
tsy hieboeboane ka ho lavo amity fagnameloha manahake ty devoly. [7]Re avao kea le tsy mahaintsy soa laza
amireo ndaty egne ambalike, mba tsy ho lavo agnate fiafaham-baraka vaho ty fandry ty devoly.[8]Reo Diakona, hoe
zay avao kea, le tokone ho soa. Iereo le tsy tokone hino divay bey loatre ndra mahy ono ara-tsakafo. [9]Tokone hita
ty hamarea ty finoa nambara miarake amity feo ty fandineha malio. [10]Iereo avao kea le tokone ho hampanoe
aloha, bakeo le tokone hanompo satria tsy manan-tsiny iereo.[11]Reo ampela avao kea le tokone ho soa hoe zay. Tsy
tokone ho mapgnendre iereo. Tokone hahay hadanja naho matoky amity zaka iaby. [12]Reo Diakona le tokone
hanambaly ampela raike. Tsy mahaintsy mita soa reo anane vaho ty tokatragnone iereo. [13]Fa reo ze nanompo soa
le hahazo ty laza soa vaho fatokiam-bey amity finoa hoahy ty vata iereo ze ao amy Jesosy Kirisity.[14]Manoratre reo
zaka reo aminao raho, naho manantena ty hoavy tsy ho ela agne aminao raho. [15]Fa laha tara raho, le manoratre
mba hahaianareo ty entam-bata ao amity tokatragnon'Agnahare, ty fiangonan'Agnahare velo, ty vato fehezoro
vaho fitoera ty hamarea.v 16Tsy azo liere fa ty hamarea nambara ze arake an'Agnahare le bey:"Re le niseho
tamity nofo, nihamaregne ty Fagnahy, hita ty anjele, nambara teo agnivo reo firene, ninoa zao iaby zao, naho
nakare tamin-kasy."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Henanezao nirehake mazava soa ty Fagnahy fa amity andro agne afara agne hiala amity finoa ty ndaty ilane
naho miambena soa ty amireo fagnahy mpamitake vaho reo fampianara reo devoly [2]amity fihatsarambelatsihy ty
mpanvande. Fa voamarike amity vy may ty feo ty fieretrereta iereo.[3]Ho rara iereo ty manambaly vaho ty
mandrae reo sakafo ze finoron'Agnahare ho zarae miarake amity fisaora eo amireo ze mino vaho ze mahay ty
mare. [4]Fa ty zaka iaby ze finoron'Agnahare le soa. Tsisy ho liere ty zaka nireasentika tamim-pisaora. [5]Fa
nihamasigne tamity tsaran'Agnahare vaho ty vavake zay.[6]Laha atobonareo eo agnoloa reo rahalahy reo zaka reo,
le ho mpanompo soa Jesosy Kirisity nareo. Fa tineza tamireo tsara ty finoa vaho tamity fampianara soa ze
norihenareo nareo. [7]Fa lavo ty talily tantarae ty vave antetre. Fa kea, tariho hagnomea hasy an'Agnahare ty
vatanareo. [8]Fa ty vata hofagne le kele avao ro azo ampiasa aze, nefa fampiasa amity zaka iaby ty toera arake
an'Agnahare. Mitana ty fampagnategna amity fiaigna henanezao toy vaho ty fiaignan-koavy.[9]Ty talily toy le soam-
pahatokisa vaho mete ty hafenoa ty fagnenkea. [10]Fa laha zao le hitolo vaho hiasa mafe tika. Fa matoky ao
amin'Agnahare velo tika, te mpamonje ty ndaty iaby, lako reo ze mino.[11]Ambarao vaho ampianaro reo zaka reo.
[12]Ao tsy hisy ndaty hanao tsinontsino ty hatanoranareo. Fa kea, ao ho ohatre hoahy reo ze mino, amity rehake,
entam-bata, hatea, finoa, naho fahaliova. [13]Mandram-pahaviko, tohizo ty famakia, ty fagnanara, vaho ty
fampianara.[14]Ko atao tsinontsino ty fagnomeam-pahasoava ze aminao ao, ty namea anao tamity alala ty
famisavisa, niarake tamity fametrahan-tagna reo olobey. [15]Ambeno rey zaka rey. Metea ho ao amiereo, mba
hiharehare amity ndaty iaby ty fandrosoa. [16]Ambeno soa ty vatanao vaho ty fampianara. Tohizo rey zaka rey. Fa
laha manao hoe zay, le ho vonjenao ty vatanao vaho reo midranjy anao.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Ko masiake ty lahy antetre. Fa kea, anaro hoe ty rae re. Anaro hoe ty rahalahy reo lahilahy kele. [2]Anaro manahake ty rene reo vave antetre, naho reo ampela kele hoe ty anabave ao amity haliova iaby.[3]Magnaja reo mpivem-bata, reo vatene mpivem-bata. [4]Fa laha managnanake ndra zafekele ty mpivem-bata raike, le engao iereo aloha hianatre haneho fagnaja ao amity tokantragnone. Ao iereo hamale babea reo rae aman-drenene, satria tean'Agnahare zay.[5]Fa ty vatane mpivem-bata le nenga ho arere. Manao ty fitokiane amin'Agnahare re. Mitoboha zisikagne amireo fangataha vaho vavake andro aman'ale. [6]Ndra zay aza, ty ampela ze velo hoahy amity zaka-teane le mate, ndra le mboe velo aza re.[7]Talilio ze zaka zay mba tsy hanagna iereo tsiny. [8]Fa laha misy ndaty tsy magnomea hoahy reo longone marine, fa lako hoahy reo ao amity fokone, le nilietre ty finoa re naho raty lavitre naho ty tsy mpino.[9]Ao hosorate ho mpivembata ty ampela ze tsy latsake ty enem-polo tao, ampela raike te valy ty lahilahy raike. [10]Tokone ho hay naho reo asa soa re, ndra nikarakara reo kolo, ndra avao kea nampandroso reo mpivahiny, ndra nanasa ty tombo reo mpino, ndra nagnamaiva ty ore, ndra naolo-bata tamity asa soa iaby.[11]Fa hoahy reo mpivem-bata mboe kele kea, le ko magnenke ty hanoratre iereo ao agnate lisita. Fa laha fa milavo-lefo amity paie ty nofo handietre Kirisity iereo, le te-hanambaly. [12]Amizay iereo le hahazo fagnameloha satria nivalike ty fanolora-batane voalohane. [13]Ka le lasa zaka malay kea iereo. Mandehandeha mitete tragno. Tsy hoe lasa malay avao avao iereo, fa lasa mpifosa vaho mpimpay aly avao kea. Mirehake zaka ze tsy tokone ho rehafe iereo.[14]Laha zao le teako hanambaly reo ampela mboe kele, hiterake, hikarakara tokatragno, mba tsy hahafahane magnomea lala ty fahavalo hita anay ho nanao raty. [15]Fa ty ilane le fa niotake kea hagnorike Satana. [16]Laha misy ampela mino mana mpivem-bata, ao re hagnampe iereo, mba tsy hagnavesatre ty fiangona, mba hahafahane magnampe reo vatane mpivem-bata mare.[17]Ao reo olobey ze mandily soa mba ho raese ho soan-kasy roe ambone, lako fa reo ze miasa miarake amity rehake vaho amity fampianara. [18]Fa hoe ty Soratre Masy hoe:"Tsy tokone hagnisy fehene ty vava ty agnombe riha laha mba misy voa re." naho kea:"Ty mpiasa le soa amity karamane."[19]Ko mandrae fitana mandietre ty olobey raike laha tsy misy vavolombelo roe ndra telo. [20]Ahitio eo agnoloa iaby reo mpanota mba hatahotre ty ambine hafa.[21]Mandily anao mafe raho eo agnoloan'Agnahare vaho eo agnoloa Kirisity Jesosy naho reo anjele voafily, mba hitananao reo lily reo tsy misy fitsaratsara naho mba tsy hanovanao ndra ino ino amity fanoa. [22]Ko meke mametra-tagna aminia ndra aminia. Ko miarake ao amity hadisoa ty ndaty hafa. Tokone hita ty vatanao halio riha.[23]Tokone tsy hinon-drano sase riha. Fa kea, tokone handrae divay kele riha hoahy ty vavony vaho reo aretenao matete-mpiseho. [24]Ty hadisoa reo ndaty ilane le hay miharehare, naho iereo le mandeha aloha reo ao amity fitsara. Fa ty hadisoa ilane magnorike bakafara atoy. [25]Hoe zay avao kea, misy asa soa hay miharehare, feie reo ilane aza le tsy azo ahaja.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

1Ao reo iaby ze ao ambane ty zoga hoe reo ndevo mba hanao ty tompone ho soa ty haja iaby. Iereo le tokone
hanao zay mba tsy hirehafa raty ty agnaran'Agnahare vaho ty fampianara. 2Reo ndevo ze mana tompo mino le tsy
tokone hanao tsinontsino iereo satria mpirahalahy amine. Fa kea, kea iereo tokone hanompo reo zisikagne agne.
Fa reo tompo ze nampea tamity asa iereo le mpino vaho teave. Ampianaro naho ambarao reo zaka reo.3Dineho fa
ty ndaty le mampianatre amity fomba hafa naho tsy magnenke ty fagnoroantika ara-pinoa, te, tsara Jesosy
Kirisity Tompontika. Dineho fa iereo le tsy magnenke ty fampianara ze manday agne amity toera arake
an'Agnahare. 4Ze ndaty zay le mirehareha naho tsy mahay ndra ino ino. Fa kea, re le gege reo ale hevetre vaho
reo fandresean-dahatre miomba reo tsara. Rey tsara rey le miterake fialogna, fametaveta, dineke raty, 5naho ty
fifandofora eo amireo ndaty maloto say. Miala amity mare iereo. Midineke re fa ty toera arake an'Agnahare ro
fomba ahavia ho mpanan-karea.[Fagnamarea: Ty fandika taloha ilane le magnampe ty hoe:"Miala amity zaka hoe
zay." Fa ty fandika taloha soa vatane le tsy magnampe zay.]6Naho ty toera arake an'Agnahare miarake amity
fahafaham-po le tombone bey. 7Satria tika le tsy nanday ndra ino ino amizao iaby zao. Tsy hahavita handay ndra
ino ino tika. Fa kea, ao tika ho afa-po amity hane vaho ty siky.9Naho reo ze te ho lasa mpanan-karea le poke ao
agnate ty fankam-pagnahy, ao agnate ty fandrike. Poke tao agnate ty hagegea vaho reo paia mampidi-doza maro
iereo, naho kea reo hafa soa reo ndaty ao amity harava vaho ty famoteha. 10Satria foto reo karazan-draty iaby ty
hateam-bola. Ty ndaty ilane ze magniry zay le fa voavily niala tamity finoa naho nitomboke ty vata iereo tamity
fijaleam-bey.11Fa riha, ry lahilahin'Agnahare, milaisa reo zaka reo. Miezaha mipay ty hamarea, ty toera arake
an'Agnahare, ty fatokisa, ty hatea, ty fahareta naho ty hasoam-pagnahy. 12Mialia ty aly soa ty finoa. Tano ty fiaigna
zisikagne fa ho amizay ro nikaiha anao. Zay le miomba ty nitsangananao vavolombelo ty amize inoenao teo
agnoloa reo vavolombelo maro tamize soa.13Zaho le magnomea anao ze lily zay eto agnoloan'Agnahare, ty nahavy
ty zaka iaby ho velo, naho eo agnoloa Kirisity Jesosy, ty nitalily ty mare teo agnoloa Pontio Pilato: 14Tano soa ty lily,
tsy manan-tsiny, mandram-pisehoa ty Tompontika Jesosy Kirisity.15Zagnahare le manoro ty fisehoane amity andro
tokone ho ie_Zagnahare, ty raike ze nitahie, ty here arere, ty Mpanjaka te manjaka, naho Ty Tompo ty mandily.
16Re arere avao ro mana ty tsy fifateza naho mitoboke eo amity hazava tsy azo hatogne. Tsy misy ndaty mahita
aze ndra afake magnente Aze. Ho Aze anie ty hasy vaho ty here zisikagne. Amena.17Rehafo ty mpanam-bola
amizao iaby zao mba tsy hirehareha, vaho magnategna ty harea, te tsy azo antoke. Fa kea, tokone hagnategna
an'Agnahare iereo. Magnomea antika ty harea mare iaby Re mba hifaleantika. 18Rehafo iereo mba hanao ty soa,
mba hanan-karea amity asa soa, mba hatarike, naho vogno hitalily. 19Amize fomba zay, le hahaja iereo ty fotora
soa hoahy ty vatane amize hoavy, ka hitanane ty vatane havelo.20Ry Timoty, arovo ze natolotre anao. Ialao ty
rehake gege vaho ty zaka mifandietre miomba ty fikaiha diso ty amize atao ty hoe fahaia. 21Ty ndaty ilane le
magnambara ze zaka zay ke le tsy nahatiaro ty finoane iereo. Ho aminareo anie ty hasoava.

# 2 Timothy

Chapter 1

1Paoly, apositoly Kirisity Jesosy tamity alala ty sitrampon'Agnahare, arake ty fampagnategna ty havelo ze ao amy
Kirisity Jesosy, 2Timoty, anake tea: Hasoava, fifirenaigna, naho fiadagna bakamin'Agnahare ty Rae vaho kirisity
Jesosy Tompontika.3Misaotre an'Agnahare raho, ty tompoeko bakamireo razambeiko, miarake amity feo ty
fandineha malio, manahake ty hahatiarovako anao zisikagne amity fivavahako andro aman'ale. 4Manahake ty
hahatiarovako reo ranomasonao, magniry mafe ty hahita anao raho, ka mete ho feno hafalea raho.
5Nampahatiarove tamiko ty finoa mare, te nivelo voalohane tao amity razanao Loisa vaho ty renenao Eonisa,
naho rese lahatre raho zao fa mivelo ao aminao avao kea zay.6Zay ro antone ampahatiarovako anao mba
hampiasanao ndraike ty fagnomean'Agnahare aminao ao amity alala ty fametraha tagna. 7Fa Zagnahare tsy
nagnomea fagnahy ty tahotre antika, fa ty here vaho hatea naho fifeheam-bata.8Ka ko megnatre amity fitsangana
vavolombelo miomba ty Tompontika, ndra miko, Paoly, ty gadrane. Fa kea, mizara amity fijalea ty zaka soa arake
ty heren'Agnahare. 9Fa Zagnhare ro namonje antika vaho nikaike antika tamity kaike masy. Nanao zay Re, tsy
naho reo asantika, fa naho ty asa ze le fa nataone vaho ty hasoane. Ndra le mboe tsy nanomboke aza ty andro le
fa nagnomea antika rey zaka rey tao amy Kirisity Jesosy Re. 10Fa henanezao ty famonjean'Agnahare le natalily
tamity alala ty fisehoa Kirisity Jesosy Mpagnavotre antika. Kirisity ty nagnafoa ty fate naho nanday havelo te tsy
ho tampetre zisikagne mba hagnazava amity alala ty zaka soa. 11Laha zao, le voatondro ho mpitalily tsara raho,
ho apositoly, naho ho mpampianatre.[Fagnamarea: Reo dikan-drehake taloha ilane le magnampe ty hoe:"Ho ahy


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

ty Jentilisa."][12]Fa naho ze antone zay le mijale amirey zaka rey avao kea raho. Fa tsy megnatre raho, satria haiko
Re ty ninoako. Rese lahatre raho fa afake mita ze le fa nankineko tamine Re mandram-pahavy ze andro zay.
[13]Tano ty ohatre miomba reo talily ty finoa ty reinareo tamiko, miarake amity finoa vaho hatea te ao amy Kirisity
Jesosy. [14]Ty zaka soa ze nataon'Agnahare taminao, ambeno amity alala ty Fagnahy Masy zay, ty velo amintoka ao.
[15]Hainareo zay, fa iaby ze nitoboke tagne Azia le nivalike tamiko. Ao amio fikambana ao reo Fizelio vaho reo
Hermozena. [16]Enga anie ty Tompo hagnomea fandefera amity tokantragno Onesiforo, satria namelombelo ahy
mateteke re naho tsy megnatre tamity gadrako. [17]Fa kea, laha fa tagne Roma re, le nipay ahy mafe, ka hitane raho.
[18]Ty Tompo anie hanoro aze ka hahitane fandefera bakamine amize andro zay. Reo fomba iaby nagnampeane ahy
tao Efesosy, le hainareo soa.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 21Laha zao riha, ry anako, mimafea ao amity hasoava ze ao amy Jesosy Kirisity.

[2]Reo zaka reinareo bakamiko teo agnoloa ty vavolombelo maro, le hankineko amity ndaty matoky ze afake
hampianatre ty ilane kea.[3]Miareta zaka-sarotre miarake amiko, hoe ty miaramila soa Jesosy Kirisity. [4]Tsy misy
miaramila manompo laha mboe voafandry reo raraha ze fiaigna zao, mba hahafahane mampifale ty beine, le tsy
mandrae ty satron-kasy re laha tsy mifanao amity alala reo fotsipeke.Paie ty fandraesa ty mpambole ze miasa
mafe ty anjara vokatre voalohane. [7]Dineho ty miomba ze rehafeko, fa ty Tompo ro hagnomea anreo ty fahatakara
amity zaka iaby.[8]Tiarovo Jesosy Kirisity, bakamity foko Davida, ze nantsanga tamireo mate. Zay le arake ty talily
ty zaka soako, [9]ze mampijale ahy ty amity famehea hoe ty mpamono ndaty. Fa ty tsaran'Agnahare le tsy voafehe.
[10]Laha zao hiaretako ty zaka iaby hoahy reo voafily, mba ho afake handrae ty fagnavota ze ao amy Jesosy Kirisity
avao kea iereo, miarake amity hasy zisikagne.[11]Ty tsara toy le soam-patokisa:"Laha mate niarake tamine tika, le
ho velo hiarake amine avao kea. [12]Laha miaretre tika, le hanjaka hiarake amine avaoe kea Re. [13]Laha tsy matoky
tika, le hatoky avao Re, satria tsy afake milietre ty vatane Re."[14]Ampahatiarovo iereo zisikagne reo zaka reo.
Ampiambeno eo agnoloan'Agnahare iereo mba tsy hifamale miomba reo rehake. Naho io le tsy misy zaka paie.
Naho io le misy fahasimba hoahy reo ze midranjy.[Fagnamarea:ty dikan-drehake ilane le mivaky ty
hoe:"Ampiambeno eo agnoloan'Agnahare iereo] [15]Ameo ty soa bakaminao mba hanoloranao vata ho an'Agnahare
manahake ty teave, mpiasa ze tsy mana antone hamegnara, ty mampianatre ty tsara ty hamarea amity tokone ho
ie.[16]Ialao ty tsara fagnaratia, te manday tsikele agne amity haratiam-pagnahy. [17]Ty reha iereo le hiele hoe ty fere
mandoake. Eo agnivo reo Hymeneo vaho Fileto. [18]Iereo ro lahilahy tsy mba nahay ty mare. Mirehake iereo fa ty
fitsangana amity mate le fa niseho. Simbae iereo ty finoa ty ilane.[19]Ndra le zay aza, ty fotora mafe oren'Agnahare
le mitsanga. Mana ty soratre toy:"Ty Tompo le mahay reo ze aze" naho " Iaby ze manogno ty agnara Tompo le tsy
mahaintsy miala amity tsy hamarea." [20]Ao amity tragno ty mpanan-karea, le tsy reo fisy ty volamena vaho
volafoty avao ro ao. Misy avao kea reo fisy ty hetae vaho tanemanga. Ty ilane amiereo le hampiasae amin-kasy,
naho ty ilane ho amity fagnafaham-baraka. [21]Laha misy ndaty magnalio ty vatane ho afake amity fahafaham-
baraka, le toera manan-kaja re. Re le voatoka, paie ty tompone, naho voaoma amity asa soa iaby.[22]Milaisa reo paie
ty taora. Mipaia hamarea, finoa, hatea, naho filongoa miarake amireo ze mikaike ty Tompo amity arofo malio.
[23]Feie mandova reo fagnotanea gege vaho tsy misy fotone. Hainareo fa miterake aly reo.[24]Ty mpanompo Tompo le
tsy tokone mifandietre. Fa kea tsy mahaintsy maleme fagnahy amity iaby re, mahay mampianatre, naho
maharetre. [25]Tsy mahaintsy ao amity falemeam-pagnahy ro ampianarane reo ze mandietre aze. Fa asa ty
Zagnahare mete hagnomea iereo fibebaha hoahy ty fahaia ty mare. [26]Mete holy ndraike ty say iereo naho hiala ty
fandry ty devoly, laha fa baka-tsinepane tamity sitrampone.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Fa haio zao: amireo andro fatane le hisy reo andro sarotre. [2]Satria ty ndaty ho tea tegna, tea vola, ho
mpirehareha, ho mpitsiriry vata, ho mpandraty an'Agnahare, tsy manoa rae aman-drene, tsy misaotre, naho tsy
masy. [3]Tsy hoe tea ty longone iereo, mpandiendietre, ho mpagnendrekendreke, tsy hahafehe tegna, hahere, tsy ho
tea ty soa. [4]Ho mpivalike iereo, tsy misy dineke, mpagnambone tegna, tea zaka soa mihoatre naho reo
tean'Agnahare.[5]Hana ty toera hoe ty an'Agnahare iereo, kanefa le hilietre ty herene. Miala amy rey ndaty rey.
[6]Satria ty ilane tamireo le reo lahilahy ze militre ao antokatragnonao naho mangalake reo ampela gege. Reo
ampela te tsy afake amity hadisoa vaho voatarike amireo paia sambehafa. [7]Reo ampela reo le mianatre avao,
kanefa tsy hoavy amity fahaia ty hamarea zane.[8]Manahake zay avao kea ty Jana vaho i Jambra nitsanga
nandietre Mosesy. Tamizay le nitsanga avao kea reo mpampianatre sandoke reo handietre ty mare Iereo le
lahilahy simba say, tsy niteave tamity finoa. [9]Fa tsy handeha lavitre iereo. Satria ty hagegeane le ho hita mazava
amity ndaty iaby, manahake ty ahy reo lahilahy reo.[10]Fa laha nareo kea, le fa nagnorike ty fagnanarako, ty
fandaisa, ty fikasa, ty finoa, ty faharetam-po, ty hatea, ty fahareta, [11]reo fagnejeha, reo fijalea, naho ze niseho
tamiko tagne Antiokia, tagne Ikonioma naho tagne Lystra. Niaretre reo faneseha raho. Bakamireo iaby reo, le
namonje ahy ty Tompo. [12]Iaby ze te-hiala arake ty fomban'Agnahare ao amy Kirisity Jesosy le ho sesefe. [13]Reo
ndaty raty vaho reo mpavande le hoagne amity raty kea zisikagne. Iereo le hitarike reo ndaty hafa hoagne amity
lalan-diso. Naho iereo vatane le ho voatarike amizay.[14]Fa laha nareo kea, mitoboha ao amireo zaka ze le fa
nianaranareo vaho ze la fa ninoanareo mafe ty hoe bakaminia ro le fa nianaranareo. [15]Hainareo fa zisikamity
hakelea le fa nahay reo asa soratre masy nareo. Rey le hahavita hahamare anareo ho amity famonjea amity alala
ty finoa i Jesosy Kirisity.[16]Ty Soratre Masy iaby le bakamity dinen'Agnahare. Zay le tombone hoahy ty fotom-
pampianara, hoahy ty fanndroa reo diso, hoahy ty fagnitia, naho hoahy ty fagnofagna amiy hamarea. [17]Zay le
mba hahavy ty lahilahin'Agnahare hahay soa, vaho ho voaoma vatane amity asa soa iaby.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Zaho le magnomea ty lily sarotene toy eo agnoloan'Agnahare vaho Jesosy Kirisity, ty hitsara ty velo vaho ty mate,
naho naho ty fisehoane vaho ty fanjakane: [2]Mitalilia ty tsara. Mivognona ndra amity andro ndra tsy amity andro.
Magnanara, mirehafa mafe, mandrisiha, amim-pahareta vaho ty fampianara iaby.[3]Satria hoavy ty andro ze tsy
hahazaka ty ndaty ty feo ty fampianara. Fa kea, iereo le hifily mpampianatre hoaze arake reo fagniriane arere. Re
le hagnilikilike ty sofy iereo. [4]Hagnafake ty fidranjigna iereo amity hamarea reo, naho hoagne amireo talily.
[5]Kanefa nareo, dineho soa ty zaka iaby. Hiareto ty zaka soa; anovo ty asa ty evanjelisita; anovo ty fanompoanareo.
[6]Satria le fa hatolotre amizay raho. Te fa hoavy ty andro hialako. [7]Raho le fa nahavita ty aly soa; le fa nahavita ty
lailay raho; le fa nitanako ty finoa. [8]Ty satron-kasy ty hamarea le fa voatoka hoahy, ty hamea Tompo, ty mpitsara
mare, hoahy amize andro zay, naho tsy hoahy arere avao, fa avao kea hoahy reo iaby ze le fa nitea ty fisehoane.
[9]Ameo ze soa iaby bakaminao mba hindehana amiko atoy malaky. [10]Satria Demasy le fa niala ahy. Tea zao iaby
zao naho la fa nandeha tagne Tesalonika re. Kreska le nimbaeo Galatia, naho Titosy nimbaeo Dalmatia.[11]Lioka
arere avao ro miarake amiko. Alao ty Marka naho ento re miarake aminao satria paieko amity asa re. [12]Tykiko le
nalefako tagne Efesosy. [13]Ty lamba ze nengako ao Troasy miarake amity Karpo, ento oy laha fa avy riha, naho reo
boke, lako fa reo mifogno holitre.[14]Aleksandro ty mpanefe varahy le nagnarehare asa raty maro tamiko. Ty
Tompo le hamale aze arake reo asane. [15]Riha avao kea le tokone hiambe ty vatanao amine, satria re le mandietre
mafe reo rehanay. [16]Tamity fiarovam-batako voalohane, tsy nisy niaro ahy. Nefa kea, ty ndaty iaby niala ahy. Ao
mba tsy ho voaheloke amizay iereo.[17]Fa ty Tompo le nitsanga teo agnilako naho nagnamafe ahy mba, amity
alalako, ty fagnambara le afake atao vatane, naho mba afake haharey reo Jentilisa iaby. Zaho le avotre tamity
vava ty liona. [18]Ty Tompo le hagnavotre ahy amity asa raty iaby naho hamonje ahy amity asa raty iaby naho
hamonje ahy amity fanjakane agne andagnitse. Hoaze anie ty hasy zisikagne doria. Amena.[19]Anovo veloma
Prisila, Akoila, naho reo foko i Onesiforosy. [20]Erasto le nitoboke tao Korinto, fa Trofimo le nialako fa narare ao
Mileto. [21]Ameo ze soa vatane bakaminao mba hahavia aloha ty asotsy. Manao veloma anao Eolobolo, naho Poda
avao kea, Lino, Klaodio, naho reo rahalahy iaby. [22]Hiarake amity fagnahinao anie ty Tompo. Ho aminareo anie ty
hasoava.

# Titus

Chapter 1

[1]Paoly, mpiasa ty Andragnahare vaho Apostoly ndre Jesosy Kristy, hagnamafe ty finoa ty ndaty voafile ty
Andragnahare naho fahalala ty to ze magnarake ty toe-pagnhy arake ahy ty Andragnahare, [2]amy ty fahatokisa ty
fiaigna zisikam-parane, iaze tsy mavande, nanomboke fa ela. [3]Tamy ty fotoa voatondro, l e nasehone ty tsarane
tamy ty hafatse ze natokisane ho ampitaeko. Nataoko zay arake ty lily ty Andragnahare iaze Mpamonje antika.
[4]Ho ahy ndre Titosy, anake to ao amy ty finoa hiaroahantika. Fahasoava naho fiandagna bak'
[5]Noho zao antone zao ro nangnegako anao tagne Krreta,. soa handaminanao reo raraha mboe tsy vita naho
hanendre ndaty bey sake ty tanà arake ze fa nandiliako anao.[6]Ty ndaty bey le tokone hanan-tsikone avao, valy ty
ampela raeke, mana anake matoke tsy voanta ho magnara-po amy ty rate na mahere zaka. [7]Mpaiavy ty mpiambe,
amy ty maha-mpanao ty asa ty Andragnahare, ty tsy fanagnan-tsikone. Tsy tokone ho mafe rehake na
mirehareha. Tsy tokone ho mora masikae, tsy mpimamo, tsy tea ale, vaho tsy ndaty tea ndrala.[8]Te kea, tokone
hampiantragno reke, ragnitse ze soa. Tsy maintse mahafehe tegna, to, mase, vaho mahafehe vata. [9]Tokone mita
mafe ty hafatse ze fa nampianare reke, soa afahane mampahere reo hafa amy ty fampianara soa vaho hagnitse
reo ze manohitse aze.[10]Te maro ty ndaty mpilietse, losetse ze vitatapake. Tsy misy lanjane ty rehagn'iareo.
Mandiso fagnantegna naho mitarike ty ndaty agne amy ty lalan-diso iareo. [11]Mpaiave ty manaka aze regne.
Mampianatse ty tsy tokone hampianare iareo soa ahazoa hanagna maloto vao mandrava ty longo iaby.[12]Nisy
raeke tamy iareo, ze lehilahy hendre iareo, mitalily tihoe: "Ty Kretana le mpavande sanandro, rate vaho biby
mandoza, kamo tea hane." [13]To zay voatalily zay, noho zay anaro mafe iareo soa hatanjake amy ty finoa.[14]Ko
midare reo angano ty Jiosy na reo lily ty ndaty ze niala tamy ty fahamarigna.[15]Ho ahy reo ze malio, le malio ty
raraha iaby. Te ho ahy reo ze voaloto naho tsy mino kea, le tsy misy malio na ino na ino. Noho ty say naho ty
fieretseretseretane va voaloto. [16]Magnina te mahay ahy ty Andragnahare iareo feie mandà Aze amy reo asane.
Mankahala naho mandika lalàgna iareo. Tsy mahavita asa soa na ino na ino.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Te riha kea, mitalilia ze mifagnarake amy ty fampianara to. [2]Reo lehilahy fra nahazo tao le tsy maintse mahay manday vata, matotse, mahafehe-vata, matanjake amy ty finoa, amy ty fitiava, vaho amy ty fahareta.[3]Manahake zay kea reo ampela fanahazo tao le tokone hampiseho hatragne ty vata iareo ho soa fitondran-tegna, te tsy mpitsiko. Tsy tokone ho andevoze ty divay bey iareo. Tokone hampianatse ze soa iareo [4]Soa hampiofa reo ampela tanora ho vatane tea ty vale amy ty anane manoka. [5]Tokone hampianatse aiereo hahafehe-vata, halio, hikarakara tokantragno soa, vaho hagnina ty valine iareo soa tsy ho voavasoke ty Tsara ty Andragnahare.[6]Manahake zay, ampaherezo reo lehilahy mboe tanorasoa hahafehen-tegna. [7]Amy ty fomba iaby le aseho ty vatanao ho modele reo asa soa; vaho lafa mampianatse riha, le manehoa fahitia naho fahamendreha. [8] MItalilia hafatse Salama naho tsy misy tsikone, soa ho megnatse ze manohitse na ia na ia, satria tsy mana na ino na ino rate ho talily mikasike antika reke.[9]Reo mpiasa le toko hagnina ty tmpone amy ty zaka-iaby. Hanao ze teane te tsy hifamale amine. [10]Tsy tokone hangalangalatse iareo. Te kea, tokone haneho ty finoa soa iaby iareo, soa hampahamendreke ty fampianarantika mikasike ahy ty Andragnahare mpamonje antika amy ty lafine iaby.[11]Te fa niseho tamy ty ndaty iaby ty fahasoava ty Andragnahare. [12]Mampianatse antika handà ty toetse tsy arake ahy ty Andragnahare naho ty filà zao tontolo zao zay. Mampianatse antika hiay am-pihonona, ampahamarigna, vaho arake ty lalagna ty Andragnahare amy zao andro zao zay [13] eo am-pandignasantika mafe ze handrambesantika ty fagnantegna mahafinaritse, ty fisehoa ty hasy ty Andragnaharentika bey naho mpamonje Jesosy Kristy.[14]Jesosy le nagnome ty vatane ho antika soa hagnavotse antika hiala amy ty tsy fagnarahan-dalàgna iaby naho hagnadiova, ho ahy ty vatane, ndaty raike manoka ze vantane mazoto hanao asa soa.[15]Antalilio vaho andeso ampahereza reo iaby reo. Magnomeza fagnitia amy ty fahefa iaby. Ko apoke hisy ndaty hanao tsy misy dikane anao.

Chapter 3

[1]Ampaherezo iareo hagnina reo mpanapake naho reo manam-pahefa, hagnina aiereo, ho vono amy ty soa iaby.
[2]Ampitiarovo iareo tsy hamasoke na ia na ia, hiala amy ty alihevitse, hamela ty hafa hagnarake ty lalane, vaho
hampiseho fanetren-tegna amy ty ndaty iaby.[3]Te teo aloha ty vatantika le tsy nanan-tsay vaho tsy nagnina.
Voatarike tamy ty lalan-diso tika vaho nandevoze ty filá naho ty fahafinareta sambehafa. Niaigne tao amy ty
faharatia naho ty falogna tika. Nalay zahay vaho nifankahala tika.[4]Te lafa nimboake ty hasoam-pagnahy ty
Andragnahare mpamonje antika naho tys fitiavane ty ondaty, [5]le tsy tamy ty asa ty fahamarigna nataontika zay,
te tamy ty famindram-pone ro namonjene antika. Reke le namonje antika tamy ty alala ty fagnadiova ty
fahateraham-baovao naho ty fagnavaoza tamy ty Fagnahy Masy.[6]Andragnahare nandrotsake maro tamintika ty
Fagnahy Mase tamy ty alala ndre Jesosy Kristy Mpamonje antika. [7]Natoane zay soa, ho voamarine tamy ty
fahasoava, le ho ave mpandova tika amy ty alala ty fahatokia ty fiaigna zisikam-parane.[8]Zay hafatse zay le
maevam-pitokia. teako hitalily mikasike zay raraha zay ampahatokia nareo, soa reo ze matoke ahy ty
Andragnahare le hisafire hanao reo asa soa ze fa napone teo aloha iareo. Zay raraha zay le sade soa ro mahasoa
ho ahy ty ndaty iaby.[9]Te ialao ty alihevitse biloka naho ty tantaram-pirazagna vaho ty fifamalea naho ty ale
mikasike ty lalàgna. Reo raraha reo le zaka-foagne naho tsy mahasoa. [10]Mandà ze ndaty iaby miterake fizarazara
eo agnivonareo, afara ty fampitandrema indraeke na indroa, [11]vaho ataovo hay te ty ndaty ohatsy zay le niala
tamy ty lala to vaho manao rate na magnameloke ty vatane.[12]Laha nagnirake ahy Artema na Tykiko agne
aminareo raho, le malake vaho mandena agne amiko agne Nikopolia, ze nanapahako hevitse andania ty asotre.
[13]Malake vaho alefaso Zena, iaze mpahay lalàgna, naho Apolose, soa tsy hanan-jaka-mahore iareo.[14]Ty ndatintika
le tsy maintse mianatse manao asa soa ze pay malake soa tsy ahaavy aiereo tsy hamokatse.[15]Reo iaby miarake
amiko le manao veloma anareo. Manaova veloma reo ze tea antika amy ty finoa. ho aminareo iaby vantane ty
fahasoava.

# Philemon

Chapter 1

[1]Paoly, ginadra hoahy Jesosy Kristy, naho ty rahalahine i Timoty hagne Filemona, ragnetse tea anay naho miharo
asa aminay, [2]vaho hoahy Apia zaiay ampela, naho Arkipo maramila ragneay, vaho hoahy fiangona zay mivavake
aminay ao. [3]Lonike hoanareo ty hasoa naho fiadagna bakamin'Andragnahare raintika naho Jesosy Kristy Tompo.
[4]Misaotse ty Andragnahareko avant raho. [5]Manogno gnanao raho amy ty vavako. Fananaharey ty amy ty feteava
naho ty finoa zay anagnanao ao amy Jesosy Tompo vaho hoireo mpino iaby raho. [6]Mivavake raho mba hahavy ty
fiharoa amy ty finoa hahere amy ty hevetse ty raraha soa iaby zay eo amintika ao amy Kristy. [7]Fanana hafalea
naho fionogna befoloay raho noho ty fiteavanao, satria ty arofo ireo mpino le niporoporoe tamy ty lalagnao,
rahalahy.[8]Naho zay, na le mana fahasakia ao amy Kristy aza raho handily anao hanao ze tokone hatao, [9]nefa laha
ty fiteavanao, le mikaike anao kea raho- zaho, Paoly, lahilahy antetse, vaho amizay gadra hoahy i Jesosy Kristy.
[10]Mangatake anao raho ty amy anakoy Onesimosy, aze naterako tamy ampirohizagny. [11]Fa reke le tsy nahasoa
anao talohay, fa amizao reke ty mahasoa anao naho raho. [12]Nampolieko hompoly aminao agne reke, ie aze teako
loatsey. [13]Magniry hitagnaze hoamiko eto raho, mbahahaizany hatahotse ahoke naho iha, laha mboe voarohy
noho ty filazatsara raho.[14]Nefa tsy tahanao na ino na ino laha tsy misy ty fifantan-draho. Tsy teako hatao forose ty
asa soa ataao fa ampilamigna. [15]mete zay varagne nisahiragnane aminao agnate ty fotoa vitsy igne, mba
hanagnanao naze zisikekamparane. [16]Tsy ho ndevo sasa reke, fa soa lavitse naho ty ndevo, le rahalahy soa. Reke
ro mahay loatse amiko, vaho mihoatse lavitse hoanao, na amy ty nofotse na ao amy Tompo.[17]Ka laha managnahy
hiharo asa riha, le raeso manahake ahike reke. [18]Laha manao ty tsimete reke na mitrosa na ino na ino aminao, le
atavo ho ahike. Zaho, Paoly, manoratse zao amy ty tagnako: [19]Zaho ro hagnavake aminao. Tsimivola ty vatagnao
tehanatrosa amiko riha. [20]Eka, rahalahy, anaovo mahazo tombone ao amy Tompo raho; meo fitofa ty arofoko ao
amy Kristy.[21]Ty toky momba ty fagninanao, ro nisorateko hoanao. Fafantatso fa hanao mihoatse ze angataheko
riha. [22]Agnate ze fotoa zay avao, amboaro hoahike ty tragno fandraesa mbahiny, fa magnategna raho fa amy ty
vavagnao le hampoly aminao indraike raho.[23]Epafra, ragnetso mpiharo figadra ao amy Jesosy Kristy,
magnambara anao. [24]Manahake zay kea ty Marka , Aristarko, Demasy vaho Lioke, miharo asa amiko. [25]Hoamy ty
fagnahinareo ty hasoa i Jesosy Kristy Tompontika. Masy.

# Hebrews

Chapter 1

[1]Taloha lea bey ty Zagnahare le nirehake tamity razambeintika tamity alala reo mpamisavisa tamity andro maro
vaho tamity fomba maro. [2]Fa amize andro farane zao, le nirehake tamintika tamity alala ty Anadahine Re, ty
tinendrene ho mpandova ty zaka iaby. Tamity alalane avao kea ro naharean'Agnahare zao iaby zao. [3]Re ro
famirapirata ty hasin'Agnahare, ty toera ty vatane avao. Ndra ty zaka iaby aza le tanane hiarake amity alala ty
here ty rehane. Tafara ty nandiovane reo hadisoa, le nitoboke teo ambane ty tagnan-kavana ty Bey agne amity
Ambone ao re.[4]Lasa ambone manahake reo anjele Re, satria ty agnara nilovaene le soa lavitre naho ty agnara
iereo. [5]Fa ia tamireo anjele ro mba nirehafan'Agnahare ty hoe:"Anako riha, lasa Raenao raho androany" Naho
indraike ty hoe:"Ho rae hoaze Raho, naho re ho anake hoahy"?[6]Naho kea, laha fa nanday ty lahy voalohane teto
amizao iaby zao ty Zagnahare, le nirehake Re ty hoe:"Reo anjelen'Agnahare iaby le tsy mahaintsy miantsa
Aze."[7]Miomba reo anjele le nirehake Re ty hoe:"Re ty raike nanao reo anjele ho fagnahy, naho reo mpanompone
nataone lelan'afo."[8]Fa miomba ty Anake le hoe Re ty hoe:" Ty sezan-droandrianao, ry Zagnahare, le zisikagne
naho ho doria. Ty tehe ty fanjakanao le tehe ty fitsara. [9]Nitea ty hamarea riha naho nalay ty fandikan-dily. Laha
zao Zagnahare, Zagnaharenao, le nagnosotre anao tamity menake ty hafalea mihoatre naho reo mpiara-dia
aminao."[10]"Tamboalohane, ry Tompo, Riha ro namoro ty foto ty tane. Reo lagnitse le asa ty tagnanao. [11]Ho rava
iereo, fa riha hanohy. Ho rovitre manahake ty tampan-damba iereo. [12]Hamoretre iereo manahake ty siky riha,
naho hovae manahake ty poten-damba iereo. Fa riha le manahake zay, naho ty taonao le tsy hanam-
pitampera."[13]Fa ia tamireo anjele ro nirehafan'Agnahare tamity andro iaby ty hoe:"Mitoboha eo amity tagnakan-
kavanako mandram-panoako reo fahavalonao ho seza hoahy ty tombonao"? [14]Feie vao reo anjele iaby tsy fagnahy
manompo, vaho nalefa hiahy reo ze handova ty famonjea?


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 2

[1]Laha zao tika le tsy mahaintsy miambe beibey kea amize reintika, mba tsy hagnorin-drenerano amizay tika.[2]Fa
laha mare ty talily ze nirehafe tamity alala reo anjele, naho ty fandikan-dily iaby vaho ty tsy fagnekea le mahazo
saze ara-drarene, [3]le akore are ro hahafahantika milay laha tsy miraharaha ze famonjeam-bey loatre zay tika? Io
ro famonjea ze natalily Tompo voalohane vaho nimafese reo ze naharey zay tamintika. [4]Tamio andro o avao
Zagnahare le nagnamare zay tamity famantara, hagaga, naho asa mahere sambehafa, naho tamity fizara reo
fagnomeam-pahasoava ty Fagnahy Masy arake ty sitrampone.[5]Fa tsy tamity anjele ro nampagneken'Agnahare zao
iaby zao hoavy, miomba ty rehafentika. [6]Fa kea, nisy ndaty nitsanga vavolombelo izay tagne, manao ty hoe:"Ino ty
ndaty, ro midineke aze riha? Ndra ty anagn'Ondaty, ro mikarakara aze riha?[7]Riha le nanao ty ndaty ambane kele
naho reo anjele; sinatronao satron-kasy tamity hasy vaho laza re. (Fagnamarea: Ty dikan-drehake ilane taloha le
miampe ty hoe:"Naho riha nanao aze ambone reo asa ty tagnanao.") [8]Ty zaka iaby le nampagnekenao eo ambane
ty tombone." Fa hoaze ro nampagneken'Agnahare ty zaka iaby. Tsy nagnenga ndra ino ino re ka tsy
nampagnenkene aze. Fa henanezao tika le tsy mboe mahita ty zaka iaby nampagnenkene aze.[9]Fa tika mahita ty
raike ze nataone ambane naho reo anjele zisike ty andro kele: Jesosy, zay, naho ty fijaleane vaho ty fatene, le
nisatrohe satron-kasy tamity hasy vaho laza. Ka henanezao tamity alala ty hasoavan'Agnahare, ro
nagnandramane ty fate hoahy ty ndaty iaby. [10]Fa mete amin'Agnahare zay, satria ty zaka iaby le misy ho Aze naho
amity alalane, mba handay anake maro hoagne amity hasy. Mete amine ty hahavy ty mpitarike ty famonjea iereo
ho feno amity alala ty fijaleane.[11]Fa ndra ty ndaty ze magnamasy ndra reo ze voamasy le mana loharano raike.
Laha zao le tsy megnatre mikaike iereo hoe rahalahy Re. [12]Hoe Re ty hoe:" Hagnombara ty agnaranao amireo
rahalahiko Raho, hiantsa ty miomba anao bakao agnate ty fikambagna Raho."[13]Naho kea,"Hatoky aze raho."Naho
kea:"Ingo, eto raho vaho reo anake ze namean'Agnahare ahy." [14]Laha zao, satria nofo aman-dio reo
ananagn'Agnahare, le nizara zaka hoe zay niarake tamiereo avao kea Jesosy, mba ho amity alala ty fate ro
hamoagnane ty raike ze mana ty here ty fate, le ty devoly zay. [15]Zay le mba hagnafahane reo iaby zay naho ty
tahotre ty fate le nivelo ty havelo ie iaby iereo tao amity fagnandevoza.[16]Fa mazava hoaze fa tsy reo anjele ro
vonjene; fa kea, ty foko Abrahama. [17]Laha zao le soa amine ty atao manahake reo rahalahine amity fomba iaby,
mba ho mpisorombey feno fandefera vaho fatokisa Re amity fifankahazoa amireo rarahan'Agnahare, naho mba
handay miomba ty famotora reo hadisoa ty ndaty. [18]Satria Jesosy vatane ro nijale vaho nalaem-pagnahy, le afake
magnampe reo ze alaem-pagnahy Re.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Laha zao, ry rahalahy masy, nizara ty kaike ty lagnitre nareo. Dineho ty miomba Jesosy, ty apositoly vaho
mpisorom-bey ze ekenentika. [2]Re le natoky an'Agnahare, ty nanendre aze, manahake Mosesy ze natoky tao
antragnon'Agnahare avao kea. [3]Fa Jesosy le fa niraese soa amity hasy bey naho Mosesy, satria ze magnore ty
tragno ro manan-kaja beibey kea naho ty tragno. [4]Fa ty tragno iaby le nisy ndaty nagnore, fa ty raike ze nagnore
ty zaka iaby le Zagnahare.[5]Amity lafine raike, Mosesy le natokisa hoe mpanompo tao antragnon'Agnahare iaby. Re
ro vavolombelo miomba reo zaka ze tokone le fa nirehafe amity hoavy. [6]Fa Kirisity ro Anake mita ty
tragnon'Agnahare. Tika ro tragnone laha ohatre ka mita mafe ty herem-po vaho ty fatokiantika tika.[7]Laha izao,
zay le manahake ty rehafe ty Fagnahy masy ty hoe:"Amizao, laha maharey ty feone nareo [8]le ko magnamafe ty
arofonareo hoe ty amity vande, amity andro ty fitsapa agne agnefetre.[9]Hoe izay ty razambeinareo laha fa
mavande tamity alala ty fitsapa Ahy, naho laha fa, zisike ty efapolo tao, le hita iereo ty asako. [10]Laha zao le tsy fale
Raho amio foko o. [11]Hoe raho ty hoe:'Iereo le voatarike zisikagne amity lalan-diso ao agnarofone. Tsy nahay ty
lalako iereo. Hoe zay ro nifantako tamity heloke ty hoe:'Tsy hilitre ao amity fitofako zane iereo."'[12]Miambena, ry
rahalahy, mba tsy hisy ndra raike aminareo aza ro hana arofo raty ty tsy finoa, arofo ze miala amin'Agnahare
velo. [13]Fa kea, mifampaherea isan'andro, laha mboe misy ty atao ty hoe:"Amizao", mba tsy hisy aminareo ho mafe
arofo amity alala ty fitake ty hadisoa.[14]Fa tika le lasa mpiarake miasa amy Kirisity laha ohatre ka mita mafe ty
fatokiantika Aze zisikagne amboalohane ka hatragne amity farane. [15]Fa ty miomba zay le fa votalily ty
hoe:"Amizao, laha maharey ty feone nareo, le ko magnamafe ty arofonareo, hoe ty amity vande."[16]Ia re te le fa
naharey an'Agnahare ka navande? Fa tsy reo iaby ze niakatre bakagne Egypta tamity alala Mosesy vao zay? [17]Ia ro
nahameloke aze zisike ty efapolo tao? Tsy reo ze nanonta vao, ze tonta tagne agnefetre ty fate iereo? [18]Ho ania ro
nifantane fa tsy hilitre ao amity fitofane iereo, laha tsy hoahy reo ze tsy nagneke Aze? [19]Hitantika fa tsy afake
nilitre tao amity fitofane iereo naho ty tsy finoane.

## Chapter 4

[1]Laha zao, ao hiambe soa tika mba tsy hisy aminareo ty tsy afake hahatratre ty rehake fampagnategna nenga ho
anareo mba hiliranareo ao amity fitofan'Agnahare. [2]Fa tika le nagnambara ty vaovao mahafale manahake iereo.
Fa ze hafatre zay le tsy nisy tombone hoahy reo ze tsy niharo tao amity finoa niarake tamiereo ze nagnenke.
('Fagnamarea:ty dikan-drehake ilane le mivaky hoe zao:"Fa ze hafatre zay le tsy nisy tombone hoahy reo ze
naharey aze tamity tsy finoa.")[3]Fa tika ze nino reo ze hilitre amizay fitofa zay, arake ze le fa nirehafene ty
hoe:"Manahake ty nifantako tamity heloko, le tsy hilitre zao ao amity fitofako iereo." Fa ndra zay kea aza, ty asa
famorognane le vita tamity fagnoregna zao iaby zao. [4]Fa re nirehake tagne hoagne miomba ty andro faha-fito ty
hoe:"Zagnahare nijano tamity andro faha-fito tamity asane iaby." [5]Naho mboe nirehake ndraike re ty hoe:"Iereo le
tsy hilitre zao ao amity fitofako."[6]Laha zao, satria mboe voatoka hoahy ty ilane ty filira ao amity fitofane, naho
satria maro reo Israelita naharey ty vaovao mahafale tsy nilitre tao naho ty tsy fagnenkea, [7]le nametrake andro
raike ndraike atao ty hoe:"Androany" Zagnahare. Tafara ty andro maro, le nirehake tamity alala Davida Re, hoe ty
voatalily aloha hoe:"Amizao laha maharey ty feonay nareo, le ko magnamafe ty arofonareo."[8]Fa laha Josoa ro
nagnomea fitofa iereo, le tsy nirehake miomba ty andro raike hafa Zagnahare. [9]Laha zao le mboe misy sabata
fitofa voatoka hoahy ty vahoaken'Agnahare. [10]Fa ze militre ao amity fitofan'Agnahare le nitofa tamity asane avao
kea, manahake ty nataon'Agnahare tamity Aze. [11]Laha zao ao tika hazoto hilitre amize fitofa zay, mba tsy hisy
ndra raike aza ho poke amity karaza tsy fimetea ze natao iereo.[12]Fa ty tsaran'Agnahare le velo vaho mahavoa
naho masio naho ty meso roe lela. Zay le mitsovoke zisikamity fanaraha ty fiay amity fagnahy, vaho ty togno
amity betro vatane aza. Ka afake haie ty eretrere ty arofo vaho reo dineke. [13]Tsy nisy famorogna nihaja teo
agnoloan'Agnahare. Fa kea, ty zaka iaby le miharehare vaho mivoha eo amaso ty raike ze tsy mahaintsy
hampakarentika.[14]Laha zao, satria tika le mana mpisorom-bey te ninjare namaky ty lagnitse, Jesosy
Anan'Agnahare, le handeha tika hiarake mafe amity finoantika. [15]Fa tika le tsy mana mpisorom-bey ze tsy
mahatsapa fiferenaigna amity halemeantika. Fa kea, tika le mana ndaty raike ze le fa nalaem-pagnahy tamity
fomba iaby manahake antika, feie Re tsy misy hadisoa. [16]Ao are tika handeha amity fatokia hoagne amity sezan-
droandria ty hasoava, mba handraesantika ty fandefera vaho hahita hasoava hagnampe amity andro ipaia zay.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

[1]Fa ty mpisorom-bey iaby, voafily bakamity ndaty, le tinendre mba hiasa amity agnara ty ndaty amireo zaka mikasike an'Agnahare, ka mba hanolorane fagnomea vaho fagnatetre hoahy hadisoa. [2]Re le afake mifagnarake mora amity tsy mahay vaho ty magnaraty satria re vatane avao avao kea le voalily ty halemea. [3]Laha zao, re avao kea le tinake hanolotre soro hoahy reo hadisoane arere, manahake ty nataone hoahy reo hadisoa ty ndaty.[4]Tsy hoahy ty vatane ro handraesa ty ndaty ze hasy zay. Fa kea, re le kinain'Agnahare, manahake Arona. [5]Le hoe zay, Kirisity tsy mba nagnoea haja ty vatane tamity fanoane ty vatane ho mpisorom-bey. Fa kea, ty raike ze nirehake tamine nanao ty hoe:"Anako Riha; amizao le lasa Raenao Raho."[6]Hoe zay avao kea ro nirehafene tagne amity toeran-kafa ty hoe:"Riha le mpisoro zisikezay arake ty fomba Melkizedeka."[7]Zisike reo andro ty nofone, Kisity nanolotre vavake vaho fangataha niarake tamity korake mafe vaho ranomaso an'Agnahare, ty raike ze afake mamonje Aze amity fate. Re Re naho ty alahelone. [8]Ndra le anake aza Re, le nianatre fagnenkea tamireo zaka ze niaretane.[9]Natao ho soa Re ka lasa, hoahy ty ndaty iaby ze megnenke Aze, ty loharano ty famonjea zisikagne. [10]Le tinendren'Agnahare manahake ty mpisorom-bey Re arake ty fomba Melkizedeka. [11]Manan-kambara maro miomba Jesosy zahay, fa sarotre ty magnazava zay hatramity naha-lalendala ty fahareizanareo.[12]Fa amizao andro zao le tokone ho mpampianatre nareo, nareo le mboe mipay ndaty hampianatre anareo reo lily fotora ty talilin'Agnahare. Ronono ro paienareo, fa tsy venten-kane! [13]Fa ty ndaty ze mino ronono avao le tsy ampe fahaia amity talily ty hamarea, satria re le mboe kolo. [14]Fa ty venten-kane le hoahy reo bey. Reo le ze voanatre tamity fanokana ty soa amity raty ty fahatakarane naho ty hamarea iereo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 6

[1]Laha zao, handeha hengatika ty voaloha ty talily Kirisity ka hombaeo amity hamarea. Ndao tika tsy hametrake
ndraike ty foto ty fibebaha naho ty asa ty mate vaho ty finoa an'Agnahare, [2]ndra ty foto ty fampianara miomba ty
batisa, ty fametrahan-tagna, ty fitsangana reo ndaty mate, naho ty fitsara zisikezay. [3]Hanao zay avao kea tika laha
engan'Agnahare.[4]Fa tsy hay atao hoahy reo ze le fa hinaza ndraike avao zay, ze nagnandra ty fagnomea bakagne
andagnitse, ze nandrae ty Fagnahy Masy, [5]naho ze nagnandra ty tsara soan'Agnahare vaho reo here ty fotoa
hoavy, [6]feie bakeo le lavo_tsy hay atao ty magnampoly iereo amity fibebaha ndraike. Zay le satria vinono iereo
hoahy ty vata iereo ndraike ty anan'Agnahare, naho nafahane baraka amaso-amaso.[7]Fa ty tane ze misy ty ora
mateteke-avy amizay, vaho ze mamokatre reo zaka-mitiry paie reo ndaty ze niasa ty tane- io ro tane ze mandrae
fitahia bakamin'Agnahare. [8]Fa laha mamokatre fatike zay, le tsy misy ipaia aze naho le fa marine ty fagnozogna.
Ty fiafara zay le amity fireheta.[9]Fa zahay le rese lahatre ty amireo zaka soa kea miomba anareo, ry malala, zaka
ze mikasike ty famonjea, ndra le mirehake hoe zay aza zahay. [10]Fa Zagnahare le tsy mba tsy mare ka hagnaligno
ty asanareo vaho ty hatea ze natoronareo naho ty agnarane, satria nareo le nanompo reo mpino naho mboe
nanompo iereo zisikagne.[11]Magniry mafe zahay mba hanoro fazotoa manahake zay zisikamity farane ty kirai-
kiraike aminareo hoahy ty antoke ty fatokia feno. [12]Zay le mba tsy ho lasa kamo nareo, fa ho mpam-pitovy reo ze
mandova reo fampagnantegna amity finoa vaho fahareta.[13]Fa tamin'Agnahare nanao ty fampagnantegnane tamy
Abrahama, le nifanta tamity Vatane Re, laha fa tsy afake nifanta tamity ndaty bey kea. [14]Hoe Re ty hoe:"Zaho le
hitahy anao vatane, naho vatane hahamaro anao." [15]Tamize fomba zay, le nahazo ze nampagnategna tafara ty
nandignasa tamim-pahareta Abrahama.[16]Fa ty ndaty le mifanta amity ndaty ze bey kea naho ty vata iereo. Isake
ty tampetre ty fifamalea iereo, le misy vava raike natao ho fagnamafea. [17]Laha fa nanam-pakevetre ty hanoro
mazava kea tamireo mpandova ty fampagnategna ty tsy fiova ty hasoa ty tanjone Nagnahare, le nameane antoke
tamity vava zay. [18]Nataone zay mba ho amity alala ty zaka tsy azo ovae roe- ty tsy hain'Agnahare ty mavande
amizay- le hana fagnamafea mafe mba hitana mafe ty fatokia ze natao teo agnoloantika, tika, ze nilay mba hana
fialofa.[19]Mana ze toky zay tika ho fiaro vaho vato vy azo hiankina hoahy ty fagnahintika, fatokia ze militre ao
amity fitoboha agnatene ao ambaly ty lamba. [20]Jesosy nilitre tao amize fitoboha zay hoe ty mpiaolo lala hoantika,
ka lasa mpisorom-bey zisikagne magnorike ty fomba Melkizedeka.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 7

1 Melkzedeka ty, mpanjaka Salema, mpisoron'Agnahare Ambone bey, te nifanoje tamy Abrahama laha fa nihere
baka naharese reo mpanjaka naho nitahy aze. 2 Re ro namea Abrahama ty ampahafolo ty zaka iaby. Ty agnara ty
hoe" Melkizedeka" le midika hoe" mpanjaka ty hamarea." Ty agnara hafa le " mpanjaka Salema," zay le:"
mpanjaka ty fiadagna." 3 Re le tsy manan-drae, tsy manan-drene, tsy manan-drazambey, naho tsy mana voaloha ty
andro vaho tsy mana hiafara ty havelo. Fa kea, mitovy amity Anan'Agnahare re, satria mitoboke ho mpisoro
zisikagne. 4 Henteo ty habey lahilahy io. Ty razambeintika Abrahama le nagnomea ty ampahafolo reo zaka ze
azone tamity aly. 5 Amity lafine raike, reo anadahy Levy te mandrae ty soro le mana baiko bakamity lily mba
hamory ty ampahafolon-karea bakagne amity ndaty, zay le, bakamity rahalahy iereo, ndra zay aza iereo, avao
kea, le bakamity vata Abrahama. 6 Fa amity lafine raike, Melkizedeka, te tsy voamare bakamiereo ty fokone, la
nandrae ampahafolon-karea bakamy Abrahama, naho nagnomea tso-drano aze, ty raike ze nana ty
fampagnategna. 7 Tsy misy faniera fa ty ndaty ambane vatane le amea ty ndaty ambone vatane tso-drano. 8 Amize
zaka zay, ty ndaty mete mate le mandrae ampahafolon-karea, fa amity zaka toy le voamare fa mboe velo re.
9 Naho, amity fomba firehake, Levy, ty nandrae ampahafolon-karea, le nandoa ampahafalon-karea tamity alala
Abrahama avao kea, 10 satria Levy le tao agnate ty vata ty razambeine laha fa nifanoje tamy Abrahama ty
Melkizedeka. 11 Henanezao laha azo atao amity alala ty fisorogna levitika ty fahalefea ( fa tao ambane zay ty ndaty
ro nandrae ty lily), le paia bey kea ino ro mete nisy hoahy ty mpisoro hafa mba hitsangana arake ty fomba
Melkizedeka, naho tsy raese arake ty fomba Arona? 12 Fa laha fa nova ty fisorogna, le tsy mahaintsy hova avao kea
ty lily. 13 Fa ty raike ze nitalily ty miomba reo zaka reo le ahy ty foko hafa, ze tsy misy ndaty manompo eo amity
alitara zao. 14 Fa mazava amizao, fa bakamy Jaona ro niteraha ty Tompontika, foko ze tsy nirehafe Mosesy vatane
ty mikasike reo mpisoro. 15 Ze rehafentika le fa mazava kea laha misy mpisoro hafa mitsanga amity sare
Melkizedeka. 16 Tsy bakamity foto ty lily ty fokone ty nofo ro nahavy aze ho mpisoro, fa kea bakamity foto ty here
ty havelo tsy mete rava. 17 Fa ty Soratre masy le mitsanga vavolombelo miomba aze ty hoe:"Riha le mpisoro
zisikagne arake ty fomba Melkizedeka. 18 Fa nisy famoagna ty lily taloha satria neletse vaho tsy nisy dikane zay.
19 Fa tsy nisy zaka natao ty lily ho soa. Kanefa, misy ty fampilira fatokia soa kea hoahy ty hoavy ty hamonjeantika
an'Agnahare. 20 Tsy niseho zay laha tsy nisy ty fanaova fifanta. Amity lafine raike, reo hafa reo le lasa mpisoro tsy
nipay fifanta. 21 Fa amity lafine raike hafa, ty raike toy, le lasa mpisoro tamity alala ty fifanta natao ty nitalily
tamine ty hoe:"Ty Tompo le nifanta naho tsy hiova amity hevene hoe:'Riha le mpisoro zisikagne."' 22 Tamity alala
zay avao kea Jesosy ro nagnomea antoke ty fagnen-keam-pilongoa soa kea. 23 Amity lafine raike, maro ro lasa
mpisoro satria ty fate ro manaka iereo hanohy. 24 Amity lafine raike hafa, satria Jesosy mitoboke zisikagne, le
mana fisorogna zisikagne re. 25 Laha zao re avao kea le afake mamonje kea reo ze mamonje an'Agnahare amity
alalane, satria re le mivelo avao mba hizara hoahy iereo. 26 Fa ty mpisorom-bey manahake zay le mete ho antika.
Re le tsy manan-kadisoa, tsy manan-tsiny, malio, sinarake tamireo mpanota, naho lasa ambone naho reo lagnitse.
27 Tsy mipay re, tsy manahake reo mpisorom-bey, hanolotre soro isan'andro, ty voalohane hoahy reo hadisoane
avao, naho bakeo ho ahy reo hadisoa ty ndaty. Te fa nanao zay ndraike avao hoahy iaby re, laha fa nanolotre ty
vatane. 28 Fa ty lily manondro ty ndaty ze mana halemea ho hompisorom-bey. Fa ty reha ty havelo, te niavy tafara
ty lily, le nanendre anadahy, ze natao soa vatane zisikagne.

Chapter 8

[1]Naho ty foto ty zaka rehafenay le zao: Tika le mana mpisorom-bey ze nitoboke teo antagnakavana ty sezan-
droandria ty bey hasy agne andagnitse. [2]Re le mpanompo ao amity toera masy, ty taberenkele mare zay ty Tompo,
fa tsy ty ndaty, ro nagnore aze.[3]Fa ty mpisorom-bey iaby le tinendre hanolotre fagnomea ty soro. Laha zao le paie
ty mana zaka hatolotre. [4]Naho laha teto antane Kirisity, le tsy ho mpisoro kea Re, satria misy reo ze manolotre
fagnomea arake ty liline. [5]Iereo le manompo ao amity taberenkele te hita vaho alo ty zaka agne andagnitse. Zay le
hoe ty nampiambenan'Agnahare Mosesy laha re nandeha hamboatre taberenkele: hoe Zagnahare ty hoe:" Henteo
mba hataonao arake ty modele ze le fa natoro anao tegne ambohitse ty zaka iaby."[6]Fa amizao Kirisity le nandrae
asa fanompoa soa lavitre. Zay le naho re mpagnelagnela avao kea amity fagnenkea soa kea, te mifototre amity
fampagnategna soa kea. [7]Fa laha tsy nanan-tsiny ze fagnenkea voalohane zay, le tsy nisy nipaia fagnenkea
faharoe.[8]Fa laha fa nahita tsiny tamity ndaty ty Zagnahare, le hoe Re ty hoe:"Ingo, hoavy ty andro- hoe ty Tompo-
laha fa hanao fagnenkea vaovao amity ndaty Israely vaho ty ndaty Joda Raho. [9]Le tsy ho hoe ty fagnenkea ze
nataoko niarake tamity raza iereo tamity andro ze nandaisako iereo tamity tagnane hiala bakamity tane Egypta
zay. Fa iereo le tsy nitoboke tao amity fagnenkeako, naho Zaho tsy niraharaha iereo- hoe ty Tompo.[10]Fa zao ro
fagnenkea ze hataoko amity ndaty Israely afara rey andro rey- hoe ty Tompo. Hataoko ao antsay iereo ty liliko,
naho ho sorateko ao agnarofo iereo avao kea zay. Ho Zagnahare iereo Raho, naho iereo ho ndatiko.[11]Iereo le tsy
hampianatre ty mpiara-belo naho ty rahalahine iaby, nanao ty hoe:'Haio ty Tompo.' Fa hahay Ahy iaby iaby,
manomboke amity kele vatane ka zisikamity bey vatane amiereo. [12]Fa Zaho le handefetre amity tsy hamarea
iereo, naho tsy hahatiaro reo hadisoane sase."[13]Amity firehafa ty hoe" vaovao", le nanao ty fagnenkea voalohane
ho taloha re, naho ze le fa lany andro vaho antetre le fa marine ho velo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 9

[1]Naho ndra le ty fagnenkea voalohane aza le nana lalam-pilongoa vaho fitoera masy eto antane. [2]Fa nisy
tanberenkele ze niomane. Ty efetre voalohane, ty nisy ty fisian-jiro, ty latabatre, naho ty mofo ty fiatreha, le
natao ty hoe toera masy.[3]Ao ambaly ty lamba faharoe le nisy efetre raike hafa, atao ty hoe toera masy vatane.
[4]Nisy alitara volamena hoahy liten-ketae magnitse zay. Nisy ty fiafara ty fagnenkea avao kea, te feno volamena
vatane. Tagnate zay le nisy siny volamena ty nisy ty mana, ty tehe Arona te nagniry, naho reo vato pisake ty
fagnenkeane. [5]Egne ambone ty tomabile ty fagnenkeane, le kerobima bey hasy maro ro manaro ty saro
fanarogna, te tsy afake rehafenay amity ataone henanezao.[6]Laha fa voaoma reo zaka reo, le nilitre tao amity
efetre ambaly ty tamberenkele avao reo mpisoro mba hanao ty fanompoa iereo. [7]Fa ty mpisorom-bey avao ro
nilitre ndraike avao isan-tao tao amity efetre faharoe, naho niarake tamity lio ze natolone hoahy ty vatane vaho
hoahy reo hadisoa tsy nifanta reo ndaty.[8]Natoro ty Fagnahy Masy fa ty lala mbaeo amity toera masy vatane le
mboe tsy natoro laha mboe mitsanga ty temberenkele voalohane. [9]Zay le fagnohara hoahy ze andro henanezao
zao. Reo fagnomea vaho reo soro ze atolotre amizao le sambe tsy afake hahalefe ty eretrerene ty mpivavake
raike. [10]Mifantoke amity sakafo vaho zaka-finome vaho karazam-pomba filiova maro avao reo. Reo iaby reo le
fotsipeke hoahy ty nofo iaby ze namea mandram-pagnamboara ty fandamina vaovao.[11]Kirisity le niavy
manahake ty mpisorom-bey iereo zaka soa te avy. Nandeha tamity alala ty tamberenkele bey kea vaho soa vatane
te tsy natao ty tagna ty ndaty Re, te tsy ahy zao iaby zao . (Fagnamarea: Reo dikan-drehake ilane le mivaky hoe
zao:"Jesosy le avy hoe ty mpisorom-bey reo zaka soa ze hoavy.") [12]Tsy tamity lio reo aose lahy vaho
vanton'agnombe vave zay, fa tamity lio arere ze nilitre tao amity toera masy vatane ndraike avao hoahy iaby iaby
naho niaro ty famonjeantika zisikagne.[13]Fa laha ty lio reo aose vaho reo agnombe lahy naho ty fagniligna ty
laveno ty vantotragnombe vave eo amireo ze lasa maloto ro manoka iereo eo amin'Agnahare ho fandiova ty nofo
iereo, [14]hoe ty akore ty fihoara ty lio Kirisity, te nanolotre ty vatane tsy misy kitsa ho an'Agnahare tamity alala ty
Fagnahy zisikagne, hagnalio ty eretrerentika hiala amity asa mate mba hanompoa ty Zagnahare velo? [15]Laha ze
antone zao, le Re ro mpagnalala ty fagnenkea vaovao. Zay le, satria nisy fate raike niseho mba hagnafake reo ze
ambane ty fagnenkea voalohane amity hadisoa iereo, le handrae ty fampagnategna ty lova zisikagne iereo ze voa
kaike.[16]Fa laha misy lilim-panagna, ty fate ty ndaty ze nanao zay le tsy mahaintsy voamare. [17]Fa laha fa misy fate
avao vaho manan-kere ty lilim-panagna, satria tsy manan-kere zay laha ohatre ka mboe velo ty ndaty ze nanao
zay.[18]Ka ndra le ty fagnenkea voalohane aza tsy natao laha tsy nisy lio. [19]Fa laha fa nagnomea ty lily iaby tao amity
lily tamireo ndaty iaby Mosesy, le nangalake ty lion'agnombe vaho reo aose, niarake tamity rano, volon'agnondry
Jaky mena, vaho hysopa re, naho nambole teo amity boke vaho ty ndaty iaby. [20]Naho re nanao ty hoe:"Toy ro lio ty
fagnenkea ty nandilian'Agnahare ho anareo."[21]Hoe zay kea, le nambole ty lio teo amity tamberenkele vaho reo
fisin-jaka iaby hampiasae amity fanompoa re. [22]Arake ty lily, le fa ho ty zaka iaby ro voalio tamity lio. Laha tsy
misy fampimpohan-dio le tsy misy fandefera.[23]Laha zao le pinay ty talindro reo zaka agne andagnitse mba ho
voalio ty soro reo biby reo. Ndra zay aza, reo zaka ty lagnitse vatane ro nipay liove tamity soro soa kea. [24]Fa
Kirisity le tsy nilitre tao amity toera masy vatane ze natao ty tagna, ty talindro ty raike ze vatane ie avao . Fa kea
nilitre tagne andagnitse vatane Re, mba hiseho eo amity fiatrehan'Agnahare ho antika henanezao.[25]Tsy nandeha
tao mba hanolotre ty vatane imaro Re, manahake ty fatao ty mpisorom-bey, ze militre isan-tao niarake tamity lio
ty hafa. [26]Fa laha zay ty zana-nisy, le nipay nijale imaro nanomboke tamity fagnoregna zao iaby zao Re. Fa
henanezao le nidraike avao ro nanoroa Aze mba hagnafake ty hadisoa amity alala ty soro ty vatane avao.[27]Le fa
natao ho mate ndraike ty ndaty iaby, naho afara zay ro hoavy ty fitsara. [28]Manahake zay avao kea, Kirisity, te
natolotre indraike mba hagnafake reo hadisoa ty maro, le hiseho fagnindroene, tsy handraraha ty hadisoa, fa
hoahy ty famonjea reo ze miambe Aze amim-pahareta.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 10

[1]Fa ty lily le alo reo zaka soa hoavy avao, fa tsy vatane toera reo zaka reo. Reo ze mamonje an'Agnahare le tsy
afake ty ho soa amity alala ty soro mitovy amize ente reo mpisoro isan-tao. [2]Laha zao tsy le fa nijano ty nanolotre
rey soro rey vao iereo? Amize zaka zay, laha le fa niliove ndraike avao iereo, le tsy mba hahay ty hadisoa sase reo
mpivavake. [3]Fa amireo soro reo le misy fampiahatiarova reo hadisoa isan-tao. [4]Satria ty lio ty agnombe lahy vaho
ose lahy le tsy mahavita magnafake reo hadisoa.[5]Laha fa niavy teo amizao iaby zao Kirisity, le nirehake Re ty
hoe:"Tsy soro ndra kea fagnatetre ro pinay nareo. Fa kea, vata te fa vinogno nareo hoahy. [6]Ty fagnatetre oroa
ndra soro hoahy ty hadisoa le tsy nifaleanao. [7]Naho hoe raho ty hoe:"Henteo, intoy Raho, arake ze voasoratre
miomba Ahy ao amity Soratre Masy, mba hanao ty sitramponareo."[8]Voalohane nirehake re ty hoe:"Tsy soro, ndra
kea fagnatetre, ndra fagnatetre oroa, ndra soro hoahy ty hadisoa ro pinay nareo. Naho Riha tsy nifale
tamireigne." Rey le soro te atolotre arake ty lily. [9]Naho nirehake re ty hoe:"Henteo, intoy Raho hanao ty
sitramponareo." Re le nagnafake ty fanoa voalohane mba hametraha ty fanoa faharoe. [10]Tamize saotre zay, tika le
nihamasigne tamity alala ty fagnatetre ty vata Jesosy Kirisity indraike avao.[11]Amity lafine raike, ty mpisoro iaby le
mitsanga isan'andro manompo an'Agnahare. Re le manolotre soro mitovy zisikagne, ndra zay aza iereo le tsy
afake magnafake reo hadisoa vatane. [12]Amity lafine raike hafa, Kirisity le nanolotre soro raike hoahy ty hadisoa
zisikagne, nitoboke teo antagna-kavan'Agnahare Re. [13]Re le miambe mandram-panoa reo fahavalone ho fisy ty
tomboke hoahy ty tombone. [14]Fa tamity fagnatetre raike re le nahasoa zisikagne reo ze nihamasigne.[15]Ty Fagnahy
Masy kea le mitsanga vavolombelo hoantika. Fa tamity voalohane Re nanao ty hoe: [16]Toy ro fagnenkea ze hataoko
miarake amiereo afara reo andro reo, hoe ty Tompo. Hatoboko ao agnarofo iereo ty liliko, naho hanoratre zay ao
antsay iereo Raho.[17]Tsy hahatiaro ty hadisoa vaho reo leho iereo sase Raho." [18]Naho ndra aia misy famotora zay, le
tsy misy soro hoahy ty hadisoa sase.[19]Laha zao, ry rahalahy, tika le mana fatokia ty hilitre ao amity toera masy
vatane tamity lio Jesosy. [20]Zay ro lala vaovao vaho velo te sinokake hoantika tamity alala ty lamba, zane hoe,
tamity alala ty nofone. [21]Satria tika le mana mpisorom-bey miambe ty tragnon'Agnahare, [22]ao tika hamonje amity
arofo malio amity finoa feno fatokisa, mba hanagnatika arofo voalio amity eretreretre raty naho hanagnatika
vata voalio tamity rano malio.[23]Ao tika hita mafe ty fagnenkea ty fandignasa atokisantika, tsy hihozo, satria
Zagnahare, ze nampagnategna, le matoky. [24]Ao tika handineke ty fomba handraesa ty kirai-kiraike amity hatea
vaho reo asa soa. [25]Ao tika tsy hampijano ty fiharoa raike, manahake ty natao ty ilane. Fa kea, mimafea zisikagne,
naho vaho maike fa hitanareo fa miharine ty andro.[26]Fa laha ohatre tika milietre manonta laha fa baka nandrae
ty fahaia ty mare, le tsy misy fagnatetre hoahy ty hadisoa sase. [27]Fa kea, raike avao ty fandignasa matahotre ty
fitsara, naho heloke mirehetre zay hamoteke reo fahavalon'Agnahare.[28]Ndra ia ia nilietre ty lily Mosesy le ho mate
tsy misy fandefera amity fisehoa vavolombelo roe ndra telo ze nagnatre-maso. [29]Fagnasazea raty lavitre hoe ty
akore ro dinehenao fa mete reo ze nandia ty anan'Agnahare, ze nanao ty lio ty fifagnenkea ho ty masy- Ty lio ze
nagnamasy Aze- naho nagnaraty ty Fagnahy ty hasoava?[30]Fa tika mahay ty raike ze nanao ty hoe:" Ahy ty
valefate; Zaho ro hamale." Naho kea:"TY Tompo le hitsara ty ndatine." [31]Zaka mampatahotre ro hipoke eo
antagnan'Agnahare velo![32]Fa tiarovo reo andro taloha, laha fa hinaza nareo, ty fomba niaretanareo ty aly mafe
tamity fijalea. [33]Nareo le nafaha-baraka amaso-amaso tamity fagnaratia vao tamity fagniagna, naho nareo le
niarake nizara tamireo ze nandalo fijalea hoe zay. [34]Satria nareo le nana fiferenaigna tamireo ze gadra, naho
nareo le nagnenke tamin-kafalea ty fangala ty fanagnanareo. Le nahay nareo fa ty vatanareo le mana hanagna
soa kea vaho maharetre zisikagne. 9Fagnamarea:Ty dikan-drehake taloha le tsy hahitaha ty rehake ty hoe:"Fa
nareo le nana fiferenaigna tamity gadrako.")[35]Laha zao le ko aria ty fatokia nareo, ze mana valesoa bey. [36]Fa nareo
le mipay fahareta, mba hahazoanareo ze nampagnategnaen'Agnahare, laha fa nanao ty sitrampone nareo. [37]Fa tsy
ho ela kea, ty raike ze hoavy le hoavy vatane naho tsy ho tara.[38]Ty ndatiko mare le hivelo amity finoa. Laha
mihemotre re, Zaho le tsy ho fale amine." [39]Fa tika le tsy agnate reo ze mihemotre ho amity harava. Fa kea, tika le
agnate reo ze mana finoa ho amity fitana ty fagnahintika.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 11

[1]Naho ty finoa ro antoke amireo zaka linegne tamim-pakisa. Io ro porofo reo zaka-miseho ze mboe tsy hitake. [2]Fa
naho zao reo razambey le nenkene naho ty finoa iereo. [3]Amity finoa ro hahaiantika fa ty lilin'Agnahre ro
namorogna zao iaby zao, ka ze hita maso le tsy natao tamity zaka ze hita maso.[4]Tamity finoa ro nanolora Abela
fagnatetre soa kea ho an'Agnahare naho ty ahy Kaina, tamity alala zay ro nagnambarane aze ho mare, naho
Zagnahare nirehake soa aze naho reo fagnatene, naho amity finoa ro mboe hirehafa Abela, ndra le fa mate aze
re.[5]Tamity finoa ro namindra Enoka mba tsy hahitane ty fate." Tsy hita re, satria nalaen'Agnahare." Fa taloha ty
nangala aze, le nitsangana vavolombelo fa nitean'Agnahare re. [6]Naho laha fa tsy misy finoa le tsy mete ho teave.
Satria paie te hoe ze mamonje an'Agnahare le tsy mahaintsy mino fa misy Re naho Re ro mamale soa reo ze
mipay Aze.[7]Tamity finoa Noa, ro nagnomea ty talily bakamin'Agnahare miomba reo zaka ze tsy mboe hita,
niarake tamity fagnaja an'Agnahare ro nagnamboarane ty sambo ty namonjeane ty fokone. Fa tamity fanoa zay,
ro nimelofane zao iaby zao vaho nahaviane ho mpandova ty hamarea arake ty finoa.[8]Tamity finoa Abrahama,
laha fa kinaike, ro nagnenke vaho nandeha nimbaeo amity toera ze hahazoane ho lova. Nandeha re, tsy nahay ty
tane nombane. [9]Tamity finoa ro nivelognane tagne amity tane nampagnategnae hoe ty vahiny. Nivelo tao agnate
tragno re niarake tamy Isaka vaho Jakoba, reo mpiara-mandova amity fampagnategna mitovy. [10]Fa re nipay ty
tana ze mana reo fagnoregna, ty tana te Zagnahare ro mpamari-tragno vaho mpagnoren-tragno.[11]Tamity finoa,
ndra le Saraha re vatane te tsy miterake aza, ro nahazoa Abrahama ty fahafaha ho Rae. Niseho zay ndra le fa
vatane antetre aza re, satria nidinehe ho hoe ty matoky namea ty fampagnategna re. (Fagnamarea: Misy
fagnotanea miomba ty hoe ty finoa Abrahama sa ty finoa Saraha ro navohitre." Tamity finoa Saraha, ndra le fa
antetre aza re, ro nahazoane ty here hanagnanake, ndra le vatane fa antetre aza re handay kolo, satria nidineke
ty nagnomea ty fampagnategna aze ho matoky.") [12]Laha zao, bakamy ze lahilahy zay, te le fa ho mate, ro niteraha
reo ze hoe ty kinta egne andagnitse ty hamarone vaho hoe ty faseke amoro ty riake, te tsy voa isake.[13]Tao amity
finoa rey iaby rey ro mate tsy nandrae reo fampagnategna. Fa kea, tafara ty nahita vaho nanalama iereo bakegne
lavitre, le nagnenke iereo fa vahiny vaho sese-tane etoy antane. [14]Hoahy reo ze mirehake hoe ze zaka zay le
magnazava fa mipay tanendraza iereo.[15]Laha nidineke ty firene ze nialane iereo, le mete nana fahafaha hihere.
[16]Fa manahake zay, nagniry firene soa-soa kea iereo, ka zay, ty agne andagnitse. Laha zao tsy mahamegnatre
an'Agnahare ty voa kaike ty hoe Zagnahare iereo, ka nagnoma tana hoahy iereo Re.[17]Tamity finoa Abrahama, laha
fa tsinapa, le nanolotre Isaka. Io ro anane lahy toka ty natolone, re ty nahazo reo fampagnategna. [18]Tamy
Abrahama ro nirehafa ty hoe:" Amity alala Isaka ro hanondroa reo fokonao." [19]Abrahama le nidineke fa
Zagnahare le hahavita hagnore Isaka amireo mate, naho amity dinene amity ohatre, bakamiereo ro hahazoane
aze ndraike.[20]Tamity finoa miomba reo zaka hoavy kea ro nitiofa Isaka rano Jakoba vaho Esao. [21]Tamity finoa
Jakoba. tamiereo le fa ho mate, ro nitso-drano reo ana Josefa kirai-kiraike iaby. Nivavake Jakoba, nita tamity loha
ty tehene. [22]Tamity finoa Josefa, laha fa niharine ty fiafarane, ro nirehake ty fiala ty ana Israely bakagne Egypta
naho nagnafarane ty amity taolane.[23]Tamity finoa Mosesy, laha fa terake re, le nahaja reo rae-aman-drenene
zisike ty telo vola satria hita iereo fa kolo soa re. Tsy natahotre ty lily ty mpanjaka iereo. [24]Tamity finoa Mosesy,
tafara ty naha-bey aze, ro nilietre ty hikaiha aze ho anadahy ty anakampela Farao. [25]Fa kea, nifily ty hijale niarake
tamity vahoaken'Agnahare re, toe zay ho tea reo hasoa ty hadisoa zisike ty andro kele. [26]Nirehake re ty hoe ty
fahafaham-baraka amity fagnoriha Kirisity le harea bey naho reo harea Egypta. Satria nampifantoke reo masone
tamity valesoane re.[27]Tamity finoa ro niala Mosesy tagne Egypta. Tsy natahotre ty helo ty mpanjaka re, fa niaretre
zay hoe ty nahitane ty tsy hita maso. [28]Tamity finoa ro niambenane ty Pasake vaho ty fagniligna ty lio, mba tsy
hikasike ty anadahy voalohane Israelita ty mpandrava ty anadahy voalohane.[29]Tamity finoa ro nitsaha iereo ty
Riake Mena hoe ty mandia tane maike. Laha fa nagnandra nanao zay reo Egyptiana, le voatele iereo. [30]Tamity
finoa ro nirotsaha ty manda Jeriko, laha fa baka nihodike zisike ty fito andro iereo. [31]Tamity finoa ro tsy nahafate
Rahaba ty mpivaro-bata niarake tamireo mpandraty, satria nandrae reo mpisafo tagne tamity fiadagna re.[32]Ino
avao kea ro afake rehafeko? Fa ho lany ty androko laha mirehake miomba Gideona, Baraka, Samsona, Jefta,
Davida, Samoela, naho miomba reo mpamisavisa raho. [33]Tamity alala ty finoa ro nahazoa iereo ty fanjaka, niasa
ara-drarene, naho nandrae reo fampagnategna. Nagnily ty vava reo liona iereo, [34]namono ty here ty afo, nilay ty
lela ty meso, afake tamireo arete, lasa nahere agnaly, naho naharese reo tafike vahiny.[35]Nitsanga tamity mate
tamity fananganan-ko velo reo ampela. Reo hafa le nampijale, tamity tsy fagnenkea ty famotora mba hahazoa
iereo fitsangana soa kea. [36]Ty hafa le tsinapa tamity fagnafaha vaho reo famofoha, eka fa ndra le ty fehea vaho ty
hagadra aza. [37]Tinora-bato iereo. Tsinofa hizara roe iereo. Vinono tamity meso iereo. Nirererere tamity
holin'agnondry vaho holin'ose iereo. Nahantra iereo, hinorohoro, nampijale. (Fagnamarea: ty dikan-drehake
ilane taloha le mivaky ty hoe:" Tinora-bato iereo. Tsinofa hizara reo. Nampandalove fitsapa. Vinono tamity


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

meso.") [38]Zao iaby zao le tsy soa amiereo. Nirererere tagne agnefetre, tagne amireo vohitse, tagne amireo lava-bato, naho tagne amireo lavake ambane ty tane iereo.[39]Kanefa rey ndaty iaby rey le neken'Agnahare naho ty finoa iereo, tsy nandrae ty fampagnategna iereo. [40]Nagnoma zaka soa kea hoantika Zagnahare, mba tsy ho tsy ho soa iereo, laha tsy misy antika.

Chapter 12

[1]Laha zao, satria tika voalily vavolombelo maro bey hoe ty raho, le andao tika hamototre ty vesatre iaby vaho ty
hadisoa mora magnodidy antika. Andao tika hilay ampahareta ty lay ze natoboke teo alohantika. [2]Andao tika
hiambe amy Jesosy, ty mpanomboke vaho mpanao ty finoa. Fa naho ty hafalea ze natoboke teo agnoloane, le
niaretre ty hetae fijalea Re, tsy nidineke ty hegnatre izay, naho nitoboke teo antagnan-kavana ty sezan-
droandrian'Agnahare. [3]Laha zao dineho ty miomba Aze, ty raike ze niaretre fandiera hoe zay bakamireo mpanota
handietre ty vatane, mba tsy ho rerake ao amponareo nareo ka hilavo lefo.[4]Tsy mboe nandietre nareo ndra
niezake handietre ty hadisoa zisikamity fipohan-dio, [5]naho halignonareo ty fagnamafea ze nampianare anareo
hoe ty amireo anake ty hoe:"Ry anadahiko, ko magnamaiva ty lily ty Tompo, ndra miharokake laha ahitine
nareo." [6]Fa ty Tompo magnamafe iaby ze teane, naho Re magnasaze ty anake kirai-kiraike ze raesene.[7]Miareta
fijalea hoe ty lily. Zagnahare le manday anareo hoe ty anake. Fa ana nino ro teo ka tsy nililove ty raene? [8]Fa laha
tsy mana lily nareo, ty anagna ty ndaty iaby, le sare-anane nareo fa tsy anane.[9]Naho kea, nana ty Rae ara-nofo hoe
ty mpagnalilo tika, naho nagnaja iereo tika. Tsy tokone hagnenke kea ty Rae ty fagnahy vao tika naho ho velo?
[10]Fa ty agnilane, reo raentika nagnalilo antika zisike ty andro kele arake ty mare tamiereo. [11]Nefa ty agnilane,
Zagnahare nanao zay hoahy ze soa hoantika mba hahafahantika mana anjara amity famasignane. Tsy misy
fagnaliloa miseho ho soa, fa magnirifiry aza. Kanefa zay aore kele le mamokatre ty vokatre feno filamina ty
hamarea hoahy reo ze nizare tamizay.[12]Laha zao hamafeo reo tagnanareo te miraviravy vaho reo ongonareo
maleme. [13]Manova lala mahity ho ahy ty tombonareo, mba ze maleme le tsy hipitsoke fa ho salama aza.
[14]Maneseha filamina miarake amity ndaty iaby, naho ty hamasigna avao kea te tsy hahita nia ia ty Tompo laha tsy
miarake amizay. [15]Miambena mba tsy hisy ndra ia ia tsy hana ty hasoavan'Agnahare, naho tsy hisy taho ty jale
mitombo hiterake koronta, mba tsy ho maro ro lasa voaloto amizay. [16]Miambena mba tsy hisy fandehandehana
ndra ndaty tsy an'Agnahare hoe i Esao, te nivarotre ty hazokeane hoahy ty sakafo raike. [17]Fa nareo mahay fa laha
fa afake zay, laha fa nagniry ty handova ty fitahia re, le niliere, satria tsy nahita lala tamity fibebaha re, ndra le
nipay zay tamin-dranomaso aza.[18]Fa nareo tsy niavy teo amity vohitse te tsy azo kasihe, vohitse ty afo magnoro,
ieke, hamay, naho tafiotre. [19]Nareo le tsy niavy teo amity trompetra magneno mafe, ndra teo amity feo ze
mirehake rehake zay ty mpidranjy zay le nangatake mba tsy hisy rehake hafa ho rehafe amiereo. [20]Fa iereo tsy
afake niaretre ze nililie ty hoe:"Fa ndra le ty biby mikasike ty vohitse aza, le tsy mahaintsy ho torahem-bato zay."
(Fagnamarea: Reo dikan-drehake ilane taloha le mivaky hoe zao:""Fa ndra le biby raike ze mikasike ty vohitse
aza, le tsy mahaintsy ho torahem-bato zay ndra ho vonoe amity folese."") [21]Fa mampatahotre loatre ty fahitaha ze
nirehafe Mosesy ty hoe:"Mihorohoro raho naho mihovitre"[22]Fa nareo kea, le niavy teo amity vohitse Ziona naho
teo amity tanan'Agnahare velo, ty Jerosalema agne andagnitse, naho teo amity anjele agnalene tamity fandaza.
[23]Nareo le niavy teo amity tokogn'ondaty ty voalohan-terake, te voasoratre agnara agne andagnitse. Nareo le
niavy teo amin'Agnahare, ty Mpitsara ty iaby iaby, naho teo amireo fagnahy reo ndaty ty hamarea ze natao ho
soa. [24]Nareo le niavy teo amy Jesosy, ty mpagnalala ty fagnenkea vaovao, naho teo amity lio poke te soa kea naho
ty lio Abela.[25]Ao nareo tsy hilietre ty raike ze mirehake. Fa laha tsy nilay iereo tamiereo nilietre ty raike ze
nampiambe iereo teto antane, le kele kea ro hilaisantika laha mihody amity raike ze mampiambe antika bakagne
andagnitse tika. [26]Tamity andro raike, ty feone nagnozo ty tane. Fa henanezao Re nampagnategna vaho nirehake
ty hoe:"Mboe hagnozo ndraike avao tsy ty tane avao kea raho, fa ty lagnitse avao kea."[27]Ty rehake toa," Indraike
avao kea", le midika ty famindra reo zaka ze afake hozogne, zay le, reo zaka ze namboare, mba hitoboke reo zaka
ze tsy azo hozogne. [28]Laha zao, satria mandrae fanjaka ze tsy azo hozogne, le ao ho mpagnenke tika naho amize
fomba zay le hiantsa an'Agnahare ampagnaja mafe vaho amin-tahotre. [29]Fa ty Zagnaharentika le afo mandrava.

Chapter 13

[1]Ao hitohy ty hatea ara-pirahalahia. [2]Ko magnaligno ty fampiantragnoa reo vahiny. Fa tamity alala zay, ro
nanoroa ty ilane fampiantragnoa reo anjele nefa tsy haine zay.[3]Tiarovo reo gadra, hoe ty hoe niara-nifehe
tamiereo nareo. Tiarovo reo ze nampijale, hoe ty hoe iereo avao kea nareo amity vata. [4]Ao ho hajae ty kirai-
kiraike ty fanambalia. Ao ty fandrea ty fanambalia mba halio, fa Zagnahare le hitsara reo mpangala-baly Ondaty
vaho reo mpitsangatsanga.[5]Engao ty entam-batanao ho afake amity hatea-vola. Mifalea amireo zaka ze
anagnanareo, satria Zagnahare vatane le nanao ty hoe:" Zaho le tsy hiala anareo vatane, ndra hahafoe anareo
kea." [6]Aleo tika ho fale mba ho hahasaky hanao ty hoe:"Ty Tompo ro Mpamonjeko; ka tsy hatahotre raho. Ino ro
azo ty ndaty atao amiko?"[7]Dineho reo mpitarike anareo, reo ze nirehake ty Safan'Agnahare taminareo, naho
dineho ty voka ty fihetre iereo. Alao tahake ty finoa iereo. [8]Jesosy kirisity le tsy miova omale, vaho amizao, naho
zisikagne.[9]Ko magnenke taome amireo Karaza fagnanara hafahafa. Fa soa laha tokone hamafese amity hasoava
ty arofo, fa tsy amity hane ze tsy magnampe reo ze mandeha miarake amiereo. [10]Tika le mana alitara ze tsy
anagna reo Ze manompo ty tamberenkele fahefa hihina. [11]Fa ty lio reo biby vonoe atao fagnatetre hoahy ty
hadisoa le niente ty mpisorom-bey tao amity toera masy, zisikezay ty vata iereo le noroa tagne ambaly ty tobe.
[12]Laha zao Jesosy avao kea le nijale tagne ambaly ty vavahady ty tana, mba hagnamasy reo vahoake amity alala ty
lione arere. [13]Andao tika naho zay hoagne amine agne ambaly ty tobe, handay ty fahafaham-barakane. [14]Fa tsy
mana tana maharetre tika etoy. Fa kea, miambe ty raike zay hoavy tika.[15]Amity alalane, naho, le andao tika
hanolotre reo fagnate-pifalea ho an'Agnahare zisikagne, fiantsa voka ty sogny te magnenke ty agnarane. [16]Aleo tsy
halignoentika ty manao ty tsara vaho magnampe ty kirai-kiraike iaby, fa amity fagnatetre manahake zay ro
vatane mahafale an'Agnahare. [17]Magnenkea vaho mimetea reo mpitarike anareo, fa iereo ro miahy ty
fagnahinareo, manahake reo ze hanao talily. Magnenkea mba hanao zay ampifalea reo mpanday anareo, fa tsy
ampisem-pora, te lasa tsy misy dikane ho anareo.[18]Mivavaha ho anay, fa zahay le nino fa mana feo ty fandineha
malio naho magniry hivelo ampahamarea ty zaka iaby. [19]Manoseke anareo bey vatane aza raho mba hanao zay,
ka mba hihere malaky aminareo raho.[20]Naho ty Zagnahare ty fiadagna, ty nananga tamity mate ty mpiarake
agnondry bey, ty Tompontika Jesosy, tamity alala ty lio ty fagnenkea zisikagne, [21]le hagnasoa anareo amity asa soa
iaby mba hanoa ty sitrampone. Re anie hiasa ao agnatentika te vatane mete eo agnoloane, amity alala Jesosy
kirisity, zay hagnomea ty hasy zisikagne. Amena.[22]Naho magnamafe anareo raho, ry rahalahy, mba hahazaka ty
tsara ty fagnamafea ze sinorako kele ho anareo. [23]Haio te le fa nafaha Timoty rahalahintika, hiarake amiko
hagnente anareo laha avy aloha re.[24]Anovo veloma reo mpitarike anareo iaby vaho reo mpino iaby. Reo ze
bakagne Italia le manao veloma anareo. [25]Ho aminareo iaby anie ty hasoava.

# James

Chapter 1

[1]Jakoba, mpiasa ty Andragnahare naho Jesosy Kristy, ho ahy reo foko folo rao ambe niparitake: Salama. [2]Rambeso
ho fifalea iaby zay, rahalahy, lafa misedra olagne sambehafa nareo [3]Hainareo te ty fitsapa ty finoanareo le
mahaavy fahareta.[4]Apoho ty fahareta hahatanterake ty asane, soa vatane hiboake naho ho feno iaby nareo, le tsy
ho hijale na ino ino. [5]Te lahya misy aminareo mipay fahendrea, lonike re hangatake zay amy ty Andragnahare,
iaze raeke ze magnome an-tsitrapo naho tsy mandatsa ze iaby mangatake, vaho omene aze zay.[6]Te apoho reke
hangatake amy ty finoa, tsy misalasala amy ino na ino. Te ze misalasala le manahake ty onjan-dranomase ze
andese ty tioke naho mitopatopa.[7]Tew zay ndaty zay le tsy tokone hieritseritse ty handrambe na ino na ino
bak'amy ty Tompo. [8]Ty ndaty manahake zay le miroa say miovaova amy ty lalane iaby.[9]Lonike ty rahalahy mijale
hanao ty fisondrotane ho reharehane, [10]tety ndaty manan-kanagna amy ty fiambane, satria reke le hilafike
manahake ty folera le egne amy ty ankata. [11]Te ty masoandro le miposake amy ty hafana mahamay vaho
magnamaike ty akata. Ty voninkazo le tsy mihintsa, vaho zay ty hatsarane le ho rava. Manahake zay kea, ty ndaty
manan-kanagna le halazo egne amy ty atsasake ty liane.[12]Vototse ty ndaty ze miaritse fitsapa. Satria lafa baka
nandalo fitsapa reke, le handray satroboninahitse ty fiaigna, ze nampagnantenae tamy reo ze tea ahy ty
Andragnahare. [13]Lafa misy halam-pagnahy le lonike reke tsy hirehake tihoe: "Andragnahare ro nangalake
fagnahy ahike," satria Andragnahare tsy azo ty rate ala fagnahe, sade tsy mangalake fagnahe na ia na ia.[14]Te
sambe alam-pagnehe amy ty fagniriane manoka ty ndaty kiraikiraeke, ze mampieomtse naho mandrese aze.
[15]Lafa baka torontoroa ty fagniria le miterake hakeo zay. Vaho lafa mitombo tanterake ty hakeo, le miterake
fahatesa. [16]Ko mete ho fitahe, rahalahy malalako.[17]Ty fagnomeza soa iaby naho ty fagnomeza lasa soa iaby le

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

bak'agne ambone. Zay le mizotso bak'amy ty Rae ty fahazava. Miarake amine le tsy misy fiova na aloke noho ty fiodigna. [18] Andragnahare le nifile ty hagnome fahateraha antika amy ty tsara ty fahamarigna, soa ho karaza voaloham-bokatse reo raraha iaby ze niforognine tika.[19]Hainareo zay, rahalahy teako: lonike ndaty iaby halake hijanje, tsy hitsara malake, vaho tsy halake ho meloke. [20]Te ty siaky ty ndaty le tsy ahavita ty fahamarigna ty Andragnahare. [21]Kea afaho ty fahalotoa iaby naho ty faharatia iaby. Amim-panetre-tegna le rambeso ty tsara fa napetrake, ze afake mamonje ty fagnahinareo.[22]Lonike ho mpagnina ty tsara nareo te tsy mpijanje avao, le mamitake ty vatanareo. [23]Te laha misy mpijanje ty tsara feie tsy mpagnina, le manahake ty ndaty ze mandinike ty tarehine voajanahare ampo fitaratse reke. [24]Mandinike ty vatane reke le mandeha bak'eo vaho magnaligno ty mikasike aze. [25]Te ty ndaty ze mandinike soa ty lalágna ty fahafaha avy soa, naho manohe manao zay, te tsy tihoe mpijanje avao ze magnaligno, le ho tahy amy reo asane zay ndaty zay.[26]Laha misy mihevi-tegna ho mpivavake feie tsy mifehy ty lelane. le mamitake ty arofone reke, vaho tsy viline ty fivavahane. [27]Ty fivavaha malio naho tsy misy loto eo agnoloa ty Andragnaharentika naho ty Raentika le zao: hagnampe reo bote nareo vantotse amy ty fihoria iareo, vaho miaro ty vata soa hisy loto bak'amy zao tontolo zao.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Rahalahiko, ko mitajake ty finoa ahy ndre Jesosy Kristy Tompontika, Iaze Tompo ty hasy, amy ty fiagara amy ty ndaty ilane. [2]Ataoavo tihoe misy ndaty mizilike ao amy ty fivorianareo manao peratse volamena naho akanjo soa, vaho misy lehilahy mijale avao kea mizilike manao akanjo maloto. [3]Laha magnete iaze ndaty miakanjo soa riha vaho mitsara tihoe: "Azafade mitoboha eto amy ty toera soa," Te hitsara amy iaze lehilahy mijale kea tihoe: "Mitsangàna riha eroy," na tihoe: "Mitoboha eto an-tomboko," [4]moa tsy mifampitsara aminareo nareo? Nao tsy lasa mpitsara amy ty eritserendrate nareo?[5]Mijanjigna, rahalahy teako, tsy fanifily ty Andragnahare vao ty mijale zao tontolo zao soa hanankanagna amy ty finoa naho soa ho mpandova ty fanjaka ze nampagnantenaine reo ze tea Aze? [6]Te nareo le nanala baraka ty mijale! Nao tsy ty mpanakanagna vao ro mampijale anareo? Nao tsy reo vao ro mitarike anareo ho eo amy ty fitsara? [7]Nao tsy iareo vao ro nagnarate ty agnara soa ze anareo?[8]Na zay kea, laha magnatanterake ty lalàgna ty mpanjaka nareo, arake ty Soratse Mase tihoe: "Teavo ty namanao manahake ty vatanao," le manao ty soa nareo. [9]Te laha magnome fitea ty ndaty ilane kea nareo, le manao rate, le voaheloke manahake ty mpandika lalàgna.[10]Te na ia na ia magnina ty lalàgna iaby, feie lavo amy ty lalàgna raeke avao, le ho meloke amy ty lalàgna iaby. [11]Te iaze nitsara tihoe: "Ko mijangajanga," le mitsara avao kea tihoe: "Ko mamono ndaty." Laha tsy mijangajanga nareo, feie mamono ndaty, le lasa mpandika lalàgna.[12]Noho zay mirehafa naho manaova manahake reo ze ho tsaray amy ty lalàgna ty fahafaha. [13]Te ty fitsara le avy tsy misy famindram-po amy reo ze tsy misy famindram-po. Vaho ty famindram-po le mandrese naho fitsara.[14]Ino ro soa, rahalahiko, laha mitalilia ty ndaty raeke te manam-pinoa reke, feie tsy misy asa? Afake hamonje aze vao zay finoa zay? [15]Ataovo tihoe misy rahalahy na rahavave rate fisikina naho tsya ampe mahatajaka san'andro. [16]Ataovo tihoe misy raeke aminareo mitsara amy iareo tihoe: "Mandena am-piadagna, manaova mafana vaho mivokisa." Laha tsy magnome aiereo ty raraha paivine ho ahy ty vata nareo, ino ro mahasoa zay? [17]Le manahake zay kea ty finoa, laha tsy misy aza zay, le mate.[18]Feie mete misy ndaty mirehake tihoe: "manam-pinoa riha, vaho raho managn'asa." Amboaho ahike ty finoanao tsy misy asa, le hasehoko anao kea ty finoako amy ty alala ty asako. [19]Riha le mino te rake avao ty Andragnahare; soa zay ataonao zay. Te na reo demone ko mino zay, le mititike iareo. [20]Teanareo ho hay vao, lehilahy adala, te ty finoa tsy misy asa le tsy misy ipaiava aze? [Fagnamariha: Ty dikan-tene taloha sasane le mamake tihoe: "Teanareo ho hay vao, lehilahy adala, tihoe nanao akore ty finoa tsy misy asa ro mate?"][21]Tsy tamy ty asa kea vao ro nanamarigna ahy ndre Anbrahama raentika lafa nagnome ahy Isaka anandahine teo amy ty alitara reke? [22]Hisanao te ty finoa le niasa niarake tamy ty asane vaho amy ty asa le niboake iaby ty finoane. [23]Le tanterake ty Soratse mase ze mitalily tihoe: "Abrahama natoke ahy ty Andragnahare, le nisafiry tamine ho fahamarigna zay," vaho reke nikaike tihoe ragnitse ty Andragnahare. [24]HIsanareo zao te amy ty asa ro hagnamarigna ty ndaty, te tsy amy ty finoa avao.[25]manahake zay kea, Rahaba mpivaro-tegna tsy nihamarigne tamy ty asa kea vao reke, lafa nandrambe reo irake naho nadefa aiereo tamy ty lala hafa? [26]Te mate ty vata laha misarake amy ty fagnahy, le manahake zay avao kea, ty finoa tsy misy le mate.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Tsy ndaty maro ro tokone ho lasa mpampianatse, rahalahiko. haintika te handrambe fitsara mafe loatse tika. [2]Te tika iaby le tafitohy amy ty fomba maro. Laha misy tsy lavo amy reo rehake, le lehilahy matotse tanterake reke, afake mifehe na ty vatane raeke iaby kea.[3]Vaho laha asiantika lamboride eo ambava reo soavale soa hagneke iareo antika, le afake manday ty vata iareo raeke iaby avao kea tika. [4]Heteo avao kea te reo sambo, na bey loatse kea iareo regn e vaho andese ty tioke-mafe, le voadake ty famgnondaha vantane kele agne amy ze iaby tea ty mpagnamore.[5]Manahake zay kea ty lela le rantsa kele amy ty vata, feie reke le mihamboke raraha maro, Heteo avao kea ty hakele ty afo ze mandoro ala bey. [6]Ty lela avaokea le afo, tontolo ty haratia napoke teo amy ty ratsam-batantika. Zay le magnise pentipete ty vata raike iaby vaho magnoro ty lalam-piaigna. Arehitse ty helo ty vatane. [7]Te ty karazam-bibily iaby, voro, biby milale, vaho zaka-boaharendranomase le folake vaho nifolahy ty ondaty. [8] Te mikasike ty lela, tsy misy ndaty mahavita mamolake zay. Io le rate tsy hay feheze, feno poizy mahafate.[9]Amy io ro hiantsantika ty Tompo naho Rae, vaho amy io ro hagnozontika ndaty, ze natao nitove tamy ty Andragnahare.[10] Bak'amy zay tsiove zay avao ro hiboaha ty fitahia naho fagnozogna, Rahalahiko, tsy tokone hiseho reo raraha reo. [11]Nao ty vavarano vao mamoake rano mame naho mafaitse bak'amy ty fiboahane? [12]Nao ty hetae ty aveave vao, rahalahiko, mamoa oliva? Na ty voaloboke, mamoa aveave? Ty rano masira kea le tsy afake hagnome rano mame.[13]Ia ro hendre naho mahay eo agnivonareo? Apoho zay ndaty zay hampiseho fiaigna soa amy ty asane amy ty fanetre-tegna ty fahendrea. [14]Te laha mana fialogna mafaitse nareo vaho fagniria laza ao agn'arofonareo, le ko mihamboke na mavande manohotse ty to.[15]Zay le tsy fahendrea ze nizotso bak'agne ambone. Te kea, bak'amy ty tane, ty tsy ara-pagnahy, ty demone zay. [16]Te agne amy ze misy fialogna naho fagniria laza, le misy fifanjevoa naho fanaova ty rate iaby. [17]Te fahendrea bak'agne ambone le malio aloha, bak'eo feno fiadagna, maleme fagnahy, mihevitse ty hafa, feno famindram-po naho vokatse soa, tsy maleme, vaho tsotra. [18]Ty vokatse ty fahamarigna le voatonge am-piadagna eo agnivo reoze mampilongo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 4

[1]Bak'aia ro niavia reo ale naho reo fifamalea eo aminareo? Nao reo vao tsy bak'amy ty fagniria ze miale amy ty
mpikamba eo agnivonareo? [2]Magniry nareo, feie tsy mana. Mamono naho magnire nareo, feie tsy afake ty ahazo.
miale naho mifandietse nareo. Tsy mana nareo satria tsy mangatake. [3]Mangatake nareo feie tsy mahazo satria
rate fangatake, soa hahafahanareo mampiasa zay ho amy ty fagnirianareo.[4]Nareo Mpijangajanga! Nao tsy
hainareo vao te ty firagnita amy zao tontolo zao le kirafe manohitse ahy ty Andragnahare? Kea na ia na ia te-ho
ragnitsy zao tontlo zao le manao ty vatane ho fahavolo ty Andragnahare. [5]Sa nareo vao mieritseritse te ty Soratse
Mase le mirehake zaka-foa tihoe: "Ty Fagnahe ze nataone niay tao amintika le saro-piaro loatse"?[6]Te
Andragnahare nagnome fahasoava bey loatse, noho zay le nanao tihoe tsy soratse mase: "Andragnahare
manohitse ty mpirehareha, te magnome fahasoava ty mpanetre tegna" [7]Le maneke ahy ty Andragnahare. Tohero
ty devole, le hilay anareo reke.[8]Mipitiha ahy ty Andragnahare, le hipiteke anareo reke. Liovo ty vatanareo,
mpanao rate, vaho liovo ty arofonareo, ty mpiroa say. [9]Malahelova, misaogna, vaho mitomagnia! Lonike ty
fiomehezanareo hanjare fitomagnia, vaho ty fifaleanareo ho fahoria. [10]netre-tegna eo agnatreha ty Tompo, le
hanondrotse anareo Reke.[11]Ko mifagnaratse nareo, rahalahy. Ty ndaty ze magnaratse ty rahalahy na mitsara ty
rahalahine le manohitse ty lalàgna vaho mitsara ty lalàgna. Laha mitsara ty lalàgna nareo, le tsy mpagnina ty
lalàgna, te mpitsara. [12]Raeke avao ro magnome lalàgna naho mitsara. Reke iaze raeke afake mamoje naho
mandrava. Ia moa riha, Ze mitsara ty namanao?[13]Kea mihenoa, nareo ze mirehake tihoe: "Anio na hamaray
hilizilke ato amy toy tanà toy tika, hijano herentao agne, hanao varotse, vaho hangalake tombone." [14]Ia ro mahay
ze hiseho hamaray, vaho ino ty fiaignanareo? Te zavo miboake malakilake nareo vaho bak'eo le rava.[15]Te kea,
tokone hitalily nareo tihoe: "Laha tea ty Tompo, ho velo tika vaho hamboatse ahy itia na hamboatse ahy iroa." [16]Te
henane zao nareo le mirehareha amy reo tetike mieboebo. Ty firehareha iaby manahake zay le rate. [17]Le ho ahy
ze iaby mahay manao ty soa feie tsy manao zay, le heloke ho aze zay.

Chapter 5

[1]Avia, nareo ze manan-kanagna, mitomagnia naho midradradradrà noho reo fahoria avy aminareo. [2]Ty
hanagnanareo fa lo, vaho ty fisikinareo fa lane ty kadradrake. [3]Ty volamenanareo naho ty volafotinareo le fa
hereke. Ty hereke le ho vavolombelo hitana anareo. Hagnoro ty nofotsinareo manahake ty afo zay. Nihijarinareo
ty hanagnanareo ho amy ty reo andro farane.[4]Ingo, ty karama reo mpiasa le mitoreo _ty karama ze nitajahinareo
tsy ho ahy reo ze nampamokatse ty baibonareo, vaho reo fitaraigna ty mpamokatse le fa avy agne amy ty
ravembia ty Tompo ty maro. [5]Niagne tamy ty hanagna teto an-tane nareo vaho nagnara-po tamy ty vatanareo.
Nahamafisinareo ty arofonareo ho ahy ty andro famonoa. [6]Nagnameloke naho namono ty ndaty to nareo. Tsy
nanohitse anareo reke.[7]Kea mahareta, rahalahy, mandra-piavia ty Tompo. Ingo, ty mpambole miambe ty vokatse
bak'amy ty tane. Miambe amim-pahareta zay reke, mandra-pahazoa zay ty voaloha naho ty fara-ora. [8]Nareo, avao
kea, mahàreta. Hatanjaho ty arofonareo, satria fa marine ty fiavy ty Tompo.[9]Ko mifampitoroe, rahalahy, soa tsy
ho tsara nareo. Ingo, ty mpitsara mitsanga eo am-baravara. [10]Mangalà ohatse , rahalahy, bak'amy ty fijalea naho
fahareta reo mpitoke, reo ze nitsara tamy ty tahina ty Tompo. [11]Ingo, ataontika manahake ty vototse reo ze fa
niharitse. Fa janjinareo ty fiareta ndre Joba, vaho haianreo ty tanjo ty Tompo, ty maha-feno fangoraha naho
famindram-po Aze.[12]Te ambone ty iaby, rahalahiko. ko mifanta, na amy ty lagnitse na amy ty tane, na amy ty
fifanta hafa. Te kea, lonike ty vatanareo tihoe: "Eka" ho "Eka" vaho ty "Aha" ho "Aha," soa tsy hizilike amy ty
fitsara nareo.[13]Misy ndaty vao eo aminareo mmijale amy ty ale sarotse? Lonike hivavake. MIsy ndaty fale vao?
Lonike reke hiantsa fiantsa. [14]Misy marare vao eo agnivaoanre? Lonike reke hikaike ty ndaty bey ty fiangona,
vaho lonike iareo hivavake ho aze. Lonike hagnosotse menake aze amy ty tahina ty Tompo. [15]Ty fivavake ty finoa
ro hagnafahane iaze ndaty marare, vaho ty Tompo hampitsanga aze. Laha nanao rate reke, le hamela aze
Andragnahare.[16]Kea mifagneke heloke nareo, vaho mifampivavaha, soa ho afake nareo. Ty vavake atao ty ndaty
to le vantane mafe amy fiasane. [17]Alia le lehilahy nitove tamintika avao. Nivavake mafe reke soa hilatsaha ty
ranon'ora, vaho tsy nilatsake tamy ty tane agnate ty telo tao naho enem-bola zay. [18]Bak'eo nivavake ndraeke Elia.
Ty lagnitse lagnitse le nagnome ranon'ora, vaho ty tane namoa ty vokane.[19]Rahalahy, laha misy eo aminareo
miala amy ty fahamarigna, vaho misy raeke mampimpole aze, [20]le tokone ho hay io ndaty io te na ia na ia
mangalake ty mpanao rate amy ty lalan-diso le hamonje aze amy ty fahafatesa, vaho hanaro ty hakeo lahiale.

# 1 Peter

Chapter 1

[1]Petera, apositoly Jesosy Kirisity, hoahy reo ana ampielea, reo ze voafily, magnera Ponto, Galatia, Kapadokia, Asia,
naho Bitynia. [2]Zay le arake ty haina'Agnahare Rae aloha, voatoka ty Fagnahy ho fagnenkea vaho ho fagniligna ty
lio Jesosy Kirisity. Ho aminareo anie ty hasoava, naho hitombo anie ty fiadagnanareo.[3]Ho tahie anie Zagnahare
vaho Rae Jesosy Kirisity Tompontika. Tamity fandeferane, ro nagnomezane antika hateraha vaovao hoahy ty
fatokisa ty lova. Ze lova zay le tamity alala ty fitsangana Jesosy tamity mate. [4]Zay lo hoahy ty lova ze tsy ho mate,
tsy ho simba, naho tsy ho rava. Zay le voatoka ho anareo agne andagnitse. [5]Nareo le arova ty heren'Agnahare
amity alala ty finoa, hoahy ty famonjea ze le fa vogno ho atalily amity andro farane.[6]Vatane falefale miomba zay
nareo, ndra le paienareo aza ty hahatiaro malahelo amity ndaty maro sambe hafa henanezao. [7]Zay le hoahy ty
fagnamarea ty finoanareo, te lafovily kea naho ty volamena ze simba, ndra le nanoe tamity afo aza. Miseho zay
mba ho hita ty voka ty finoanareo amity fiantsa, hasy, naho haja amity hisehoa Jesosy Kirisity.[8]Tsy nahita Aze
nareo, nefa tea Aze. Tsy mahita aze nareo henanezao, kanefa mino Aze naho vatane fale amity hafalea tsy hay
rehafe, mahafale. [9]Raesnareo henanezao ty voka ty finoanareo, le ty famonjea ty fagnahinareo. [10]Reo
mpamisavisa le nikaroke vaho nagnotane soa ty miomba ze famonjea zay, ty miomba ty hasoava ze ho anareo.
[11]Iereo le nipay ty hahay ty miomba ty hoe ia vaho mbia ty Fagnahy Kirisity ao amiereo ro nirehake tamiereo. Zay
le niseho hoe ty nirehafene amiereo aloha miomba reo fijalea Kirisity vaho ty hasy magnarake zay. [12]Natalily
tamiereo zay mba tsy hanompo ty vatane iereo, fa nareo, laha fa nirehake reo zaka ze voatalily taminreo
henanezao iereo tamity alala reo ze nitalily ty zaka soa taminreo tamity alala ty Fagnahy Masy nalefa bakagne
andagnitse te tea reo anjele ho hay.[13]Laha zao vognono ty sainareo. Mionognam-bata. Mametraha fatokia amity
hasoava ze ho ente aminareo eo amity hisehoa Jesosy Kirisity. [14]Amity maha anake mpagnenke, ko
mpampifagnorike ty vatanareo amireo fagniria ze norihenareo tamity mboe tsy nahay nareo.[15]Fa manahake ty
raike ze nikaike anareo ty hoe masy, nareo, avao kea, ao ho masy amity entam-batanareo iaby. [16]Fa voasoratre ty
hoe:" Ao ho masy, satria masy Raho." [17]Ka laha mikaike ty raike ze mitsara tsy misy fagnefera arake ty asa ty


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

ndaty kirai-kiraike iaby ty hoe:"Rae" nareo, le handany ty andronareo amity fanoroa fagnaja.[18]Hainareo fa tsy bakamity volafoty ndra volamena mete rava ro nagnavota anareo tamity entam-bata gege ty nianaranareo tamireo razanareo. [19]Fa kea, navota tamity lio lavovily kirisity nareo, te heo ty anak'agnondry tsy misy havoa ndra tsiny.[20]Voafily taloha ty nanangana zao iaby zao Kirisity, fa henanezao le tamireo andro farane ro nagnambara Aze tamireo. [21]Amity alalane ro hinoanareo an'Agnahare, ze nananga aze tamity mate vaho tamireo nameane hasy mba ho ao amin'Agnahare ty finoa vaho fatokianareo.[22]Nagnalio ty fagnahinareo tamity fagnenkea ty hamarea nareo. Zay le hoahy ty hatea ara-pirahalahia malio; laha zao mifankateava mafe amity arofo. [Fagnamare:Reo dikan-drehake ilane le mivaky ty hoe:"Nagnalio ty fagnahinareo tamity fagnenkea ty hamarea tamity alala ty Fagnahy nareo"] [23]Naterake ndraike nareo, tsy bakamity voa mete mate, fa bakamity voa tsy mete mate, amity alala ty tsaran'Agnahare velo vaho mitoetre[24]Fa"ty nofo iaby le hoe ty akata, naho ty hasine iaby le hoe ty folera ty akata. Maike ty akata, naho malazo ty folera, [25]fa ty tsara Tompo le mitoboke zisikagne." Zay ty vaovao mahafale te natalily taminareo.

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 2

[1]Laha zao ario ty raty iaby, ty hadisoam-pagnategna iaby, ty fihatsaram-belatsihy, ty fagniria, naho ty honohono
iaby. [2]Manahake ty kolo vaho terake, magniry ronono ara-pagnahy malio, mba hahafahanareo mitombo ao amity
famonjea amity alala zay, [3]laha nahatsapa nareo fa soa fagnahy ty Tompo.[4]Mamonje aze ty vato velo ze naria ty
ndaty, fa voafilin'Agnahare ho manan-danja Amine. [5]Nareo avao kea le manahake reo vato velo te voaore ho
tragno ara-pagnahy, mba ho mpisoro masy ty manolotre ty soro ara-pagnahy enken'Agnahare amity alala Jesosy
Kirisity.[6]Ty Soratre Masy le ahitaha zao:"Ingo, Raho mitoboke amity Ziona vato fehezoro, voafily vaho manan-
danja. Iaby ze mino aze le tsy ho megnatre."[7]Ty hasy naho zay le ho anao ze mino. Kanefa," ty vato narianareo
mpagnoren-tragno, zay le lasa loha ty fehezoro"-[8]naho, vato manafintohy vaho vatolampy mahatonta. Tafintohy
iereo, tsy nagnenke ty tsara, ze voatoka hoahy iereo avao kea.[9]Fa riha le ndaty voafily, mpisoro ty mpanjaka,
firene masy, ndaty hoahy ty fanagnan'Agnahare, mba ho afake hitalily ty hasoa reo asa ty raike ze nikaike anao
bakao amity ieke hombaeo amity hazavane mahitake riha. [10]Taloha riha tsy ndaty, kanefa henanezao riha le
ndaty n'Agnahare. Tsy nandrae fandefera riha, fa henanezao riha nandrae fandefera.[11]Ry malala, mikaike anareo
hoe ty vahiny vaho mpirererere raho mba hifaly ty paie ty nofo, te mahavy aly mandietre ty fagnahinareo.
[12]Tokone mana entam-bata soa nareo eo amireo Jentilisa, mba ho, laha mirehake miomba anareo ho nanao zaka
raty iereo, le tokone hahita reo asa soananao vaho handaza an'Agnahare amity andro ze hahaviane.[13]Enkeno ty
fahefa ty ndaty iaby naho ty amity Tompo. Enkeno hoe ty ambone vatane ty mpanjaka, [14]vaho reo governora avao
kea, te nalefa mba hagnasazy reo mpanao raty vaho handaza reo ze manao ty soa. [15]Fa zay ro
sitrampon'Agnahare, amity fanoa ty soa anareo le mampitsy ty rehake tsy mahay fomba ty ndaty gege.
[16]Manahake ty maha-ndaty hafa, ko ampiase ho hoe ty fanakofa halemea ty fahafahanao, fa ao ho hoe ty
mpanompon'Agnahare. [17]Ameo hasy ty ndaty iaby. Teavo ty firahalahia. Matahora an'Agnahare. Ameo hasy ty
mpanjaka.[18]Ry mpanompo, mimetea hagnenke ty tomponareo amity fagnaja iaby. Ko magnenke ho mpanompo ty
soa vaho ho tompo soa fagnahy, fa hoahy reo raty toera avao kea. Satria soa-antsae zay laha misy miaretre rare
laha fa mijale tsy rarene naho ty fagnantegnane an'Agnahare. [20]Fa fire ty vola laha manota riha naho miaretre
zisike ty fagnasaea anao iaby eo? Fa laha nanao ty soa riha naho miaretre zisike ty fagnasazea anao, le soa-antsae
amin'Agnahare zay.[21]Fa naho toy ro nikaiha anao, satria Kirisity avao kea le nijale ho anao. Nagnenga ohatre ho
anao Re mba hagnoriha reo lalane. [22]Tsy nanota Re, ndra hoe nisy fitake teo am-bavane. [23]Laha fa nirehafe raty
Re, le tsy mba namale raty. Laha fa nijale Re, le tsy nandraho, fa nanolotre ty vatane tamity raike ze Mpitsara
ampahamarea.[24]Re vatane le nanday reo hadisoantika tao amity vatane ho eo ambone hetae, mba tsy hana anjara
amity hadisoa sase tika, naho mba hivelo hoahy ty hamarea. Tamity alala ty ferene ro nahafake anareo.
[25]Nirererere hoe ty agnondry robake nareo iaby, fa henanezao nareo nihere tamity mpiarake agnondry vaho
mpiambe ty fagnahinareo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 3

[1]Amize fomba zay, Nareo ampela le tokone hagnenke ty valinareo. Anovo zay ndra le misy lahilahy maro aza tsy
magnenke ty tsara, naho mete ho azo iereo ndra tsy aza ty tsara, amity alala ty etam-bata ty valy iereo. [2]Fa iereo
le hahita ty entam-bata soanareo am-pagnaja.[3]Ao zay ho lefe tsy miarake amireo haingone ambalike: randram-
bolo, ravake volamena, ndra akanjo lamaody. [4]Fa kea, ao zay ho lefe miarake amize ao agnarofo ty ndaty, vaho ty
hasoa maharetre ty Fagnahy soa vaho mangike, te lafo vily eo agnoloan'Agnahare.[5]Fa reo ampela masy taloha ro
nandravake ty vata iereo toe zay. Nana fatokia an'Agnahare iereo naho nagnenke ty valine iaby. [6]Hoe ze ty fomba
zay ro nagnenkea Abrahama Saraha vaho nikaihane aze ho tompone. Nareo le anane henanezao laha manao ze
soa vaho tsy matahotre ndaty nareo.[7]Hoe zay avao, nareo lahilahy le tokone mivelo miarake amity valinareo
arake ty hazavan-tsay, hoe ty fanake maleme kea, ty ampela. Tokone ameanareo hasy iereo manahake ty mpiara-
mandova ty fagnomea ty havelo. Anovo zay mba tsy ho voasaka ty vavake nareo.[8]Farane, nareo iaby, ao hiarake
say, hiferegnay, hifankatea manahake ty mpirahalahy, haleme arofo, naho hiambane. [9]Ko mamale raty naho raty
ndra magnaraty ty mpagnaraty. Mafandietre amizay aza, mitahia zisikagne, fa naho zay ro nikaiha anareo, mba
hahafahanareo mandova ty fitahia.[10]"Ty raike ze te hotea ty fiaigna vaho te hahita andro soa le tokone
hampindrano ty lelane amity raty vaho ty sognine amity firehafa fitake. [11]Ao re hiala amity atao ty hoe raty naho
hanao ze soa. Ao re hipay fiadagna vaho hitake zay. [12]Ty maso ty Tompo nahita ty mare, naho ty sofine maharey
reo hata iereo. Fa ty tarehe Tompo le mandietre reo ze manao raty."[13]Ia ty raike hagnisy anareo laha magniry ty
hanao ty soa nareo? [14]Nefa laha mijale naho ty hamarea nareo, le sambatre. Ko matahotre ze atahora iereo. Ko
magnorohoro.[15]Fa kea, atokano hoe ty masy ao amponareo ty Tompo Kirisity. Mivognona zisikagne hamale ty
ndaty iaby ze magnotane anreo ty antone hatokianareo an'Agnahare. Anovo amity halemeam-pagnahy vaho
fagnaja zay. [16]Managna feo ty fandineha malio mba ty ndaty ze magnaraty ty fiaigna soanareo ao amy Kirisity le
mete megnatre satria mirehake mandietre anareo iereo hoe ty hoe mpanao raty nareo. [17]Soa kea, laha Zagnahare
ro magniry, fa mijale nareo amity fanoa ty soa naho ty fanoa ty raty.[18]Te fa nijale naho ty hadisoa avao kea
Kirisity. Re ty mare le nijale ho antika, te tsy mare, mba handaisane antika eo amin'Agnahare. Vinono tamity nofo
re, fa vinelo ty Fagnahy, le nandeha re naho nitalily hoahy reo fagnahy ze agne ampigadra henanezao. [20]Tsy
nagnenke iereo laha fa niambe ty fiatrehan'Agnahare tamity andro Noa, tamity andro ty fanangana sambofiara,
naho Zagnahare namonje ndaty kele_fagnahy valo tamity rano.[21]Zay ro famanatara ty batisa ze mamonje anareo
henanezao_tsy hoe ty fagnaliova ty loto amity vata, fa hoe ty kaike ty feo ty fandineha ho amin'Agnahare_tamity
alala ty fitsangana Jesosy Kirisity tamity mate. [22]Kirisity le eo antagnan-kavanan'Agnahare. Niakatre agne
andagnitse re. Reo anjele, reo manam-pahefa, naho ty hare le tsy mahaintsy magnenke Aze.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 4

[1]Laha zao, sagnatria nijale tamity nofo ty Kirisity, le anovo fialia ty vatanareo ze dineke zay. Fa iaby ze nijale
tamity nofo le nitofa tamity hadisoa. [2]Voka zay, ty ndaty hoe zay, zisike ty andro sisa hivelognane, le tsy ho velo
hoahy ty fagniria ty ndaty sase, fa hoahy ty sitrampon'Agnahare.[3]Fa ampe zay ty andro lasa nanaova ze tea ty
jentilisa hatao -hafalea ty nofo, falemelemea, hamamoa, entam-bata mahamegnatre, fihisan-draty, naho reo asa
ty fanompoan-tsampe raty. [4]Dinehe iereo fa hafa-hafa satria tsy miharo amiereo ao amize fagnaranam-po bey zay
nareo, laha zao le hireha-draty miomba anareo iereo. [5]Hamale ty raike ze vogno hitsara ty velo vaho ty mate
iereo. [6]Laha ze antone zao ro nitalilia ty vaovao mahafale tamireo mate avao kea, mba, ndra le tsinara tamity
nofo hoe ty ndaty aza iereo, le ho velo hoen'Agnahare ao amity fagnahy.[7]Miharine ty fara ty zaka iaby. Laha zao
mandineha, naho magnonognam-bata amity dinenao hoahy ty hateam-bavake. [8]Ambone ty zaka iaby, managna
hatea feno hoahy ty kirai-kiraike iaby, fa ty hatea manaro hadisoa maro. [9]Mifampandrosoa tsy am-pitaraigna.
[11]Laha misy mirehake, ao re hanao zay hoe ty raike mirehake ty rehan'Agnahare. Laha misy manompo, ao zay
hoavy amity here te vatien'Agnahare. Manova reo zaka reo mba homean-kasy amity alala Jesosy Kirisity amity
fomba iaby Zagnahare. Ao hoahy Jesosy Kirisity ty hasy vaho here zisikagne doria. Amena.[12]Ry malala, ko raese
ho fahafaha ty fitsapa amity arofo ze niseho taminareo, hoe ty hoe nisy zaka hafahafa niseho taminareo. [13]Fa kea,
ndra le maro aze ty hivelomanareo reo jale Kirisity, mifalea, mba ho afake hifale avao kea nareo naho ho falefale
amity fagnambara ty hasine. [14]Laha niharatie naho ty agnara Kirisity nareo, le voatahy, satria ty Fagnahy ty hasy
vaho ty Fagnahin'Agnahare le mitoboke aminareo ao.[15]Fa ao tsy hisy ndra ia ia aminareo hijale hoe ty mpamono
ndaty, mpangalatre, mpanao raty, ndra mpiraharaha ty ahy ty hafa. [16]Fa laha misy mijale fa Kirisitiana, ao re tsy
ho megnatre; fa kea , ao hagnomea hasy an'Agnahare amize agnara zay re.[17]Fa andro zao hanomboha ty fitsara
miarake amity fokon'Agnahare. Laha manomboke antika zay. ino ro ho vokatre hoahy reo ze tsy magnenke ty
zaka soan'Agnahare? [18]Naho laha" ty ndaty mare aza paie tsy ho voavonje, amity fomba akore ro hisehoa ty ndaty
tsy an'Agnahare vaho ty mpanota?" [19]Laha zao ao reo ze mijale naho ty sitrampon'Agnahare hagnanky ty fagnahy
iereo amity Mpamoro matoky amity fanoan-tsoa.

Chapter 5

[1]Magnanatre reo olobey aminareo raho, zaho, ty olobey nama. Zaho avao kea le vavolombelo reo fijalea Kirisity, naho kea mpikamba ao amity hasy te le fa hatoro. [2]Laha zao, magnanatre anareo raho, ry olobey, lignaso ty agnondrin'Agnahare te aminareo eo. Araho maso ierey, tsy amity haterea, fa amity sitramponareo, arake ty sitrampon'Agnahare. Araho maso ierey, tsy amity vola maloto, fa antsitrampo. [3]Ko manjaka amity ndaty ze iambenanareo. Fa kea, ao ho fitaratre hoahy ty agnondry. [4]Naho laha fa miseho ty Loha ty mpiarake agnondry, le hahazo satron-kasy tsy mete simba nareo.[5]Manahake zay kea, nareo tanora fagnahy, magnenkea ty ndaty bey. Nareo iaby, sikino fahamarea ty vatanareo naho mifanompoa. Fa Zagnahare mandietre ty mpirehareha, fa magnomea hasoava ty mare. [6]Laha zao mimarea eo ambane ty tagna-maheren'Agnahare mba hagnakarane anareo amize andro zay. [7]Engao eo amine ty fagnahinareo iaby, satria Re ro mitahy anareo.[8]Magnonognam-bata, miambena. Ty fahavalonareo, le ty devoly, mihodigna hoe ty liona mikenro, mipay ty ndaty ho hanene. [9]Mandiera aze. Mioregna amity finoanareo. Hainareo fa ze fijalea zay le manjo ty fiharoa reo mpino magnera zao iaby zao avao kea.[10]Laha fa baka nijale zisike ty andro kele nareo, ty Zagnahare ty hasoava iaby, ty nikaike anareo ho amity hasine zisikagneao amy kirisity, le hahalefe anareo, hananga anareo, naho hagnamafe anareo. [11]Ho Aze anie ty fanjaka zisikagne zisikagne. Amena[12]Raeseko heo ty rahalahy matoky ty Silasy, naho nanoratre rehake kele hoanareo tamity alalane raho. Magnanatre anareo naho magnambara anareo fa ze sinorako le hasoava maren'Agnahare. Mitsangana amizay. [13]Ty ampela te agne Babylona, ty voafily niarake taminareo, manao veloma anareo. Naho kea Marka, anadahiko, manao veloma anareo. [14]Mifanova veloma amity fagnorohan-katea. Ho aminareo iaby anie ty fiadagna ze ao amy Kirisity.

# 2 Peter

Chapter 1

[1]Simona Petera, mpanompo vaho apositoly Jesosy Kirisity, hoahy reo ze nahazao ty finoa lafo-vily manahake ze niraesenay, finoa ao amity hamarean'Agnaharentika vaho Jesosy Kirisity Mpamonje. [2]Hampitomboe anie ty hasoava vaho fiadagna naho ty fahaia an'Agnahare vaho Jesosy Tompontika[3]Reo zaka iaby mikasike ty heren'Agnahare hoahy ty fiaigna vaho teram-pagnahy le nameaantika tamity alala ty fahaia an'Agnahare, ty nikaike antika tamity alala ty hasine vaho ty hasoane arere. [4]Tamity alala reo, nameane rehake fikasa soa vaho bey vatane tika, mba ho lasa mpizara amity fomban'Agnahare nareo, laha miala ty halotoa ze eto antane naho reo paian-draty.[5]Laha zao, manova ty soa vatane mba hagnampea hasoa amity alala ty finoanareo, naho amity alala ty hasoanao, ty fahaia. [6]Amity alala ty fahaianareo, magnampea fagnonognam-po, naho amity alala ty fagnonognam-po nareo, magnampea fiareta, naho amity alala ty fiaretanareo, magnampea toeram-pagnahy. [7]Amity alala ty toeram-pagnahinareo, magnampea hatea rahalahy, naho amity alala ty hatea rahalahy, magnampea hatea.[8]Laha ao aminareo reo naho mitombo ao aminareo, le tsy hamoa ndra tsy hamokatre amity fahaia Jesosy Kisirity Tompontika nareo. [9]Fa ndra ia ia tsy ampe reo zaka reo le tsy mahita laha tsy ze marine; goa re. Nihalignone ty fagnaliova aze tamireo hadisoane taloha.[10]Laha zao, ry rahalahy, anovo iaby mba hahazoa antoke ty fikaiha vaho ty fifiliana anareo. Laha manao reo zaka reo nareo, le tsy ho voafinga. [11]Amizay le malalake ho anareo ty filira ao amity fanjaka zisikagne te ahy Tompontika vaho Jesosy kirisity mpamonje.[12]Laha zao le vogno avao raho hampahatiaro anareo reo zaka reo, ndra le hainareo aza reo, naho ndra le mafe ao amity mare aza nareo henanezao. [13]Zaho midineke fa rarene amiko ty mamoha anareo amity fampahatiarova reo zaka reo, laha mboe eto amity tragno toy raho. [14]Satria haiko fa tsy ho ela le hafahako ty tra-laeko, manahake ze natoro Jesosy Kirisity Tompontika ahy. [15]Naho hataoko ze farane vitako mba hahatiarovanareo zisikagne reo zaka reo laha fa lasa raho.[16]Fa zahay le tsy nagnorike talily soa asa ze finoro laha fa nirehake taminareo ty miomba ty here vaho ty nisehoa Jesosy Kirisity Tompontika. Fa kea, zahay le vavolombelo nahita ty haroandriane. [17]Fa Re le naharae laza aman-kasy bakamin'Agnahare Rae laha fa nisy feo niavy tamine eo tamity hasy bey vatane ty hoe:" Toy ro Anako malalako, te teako vatane." [18]Naharey ze feo zay tagne andagnitse zay zahay, laha fa niarake tamine tegne ambohitse masy.[19]Tika le mana ty tsara famisavisa ze le fa natao mafe ore toy. Tokone hiambe zay soa nareo. Zay le hoe ty jiro mazava ao agnate ieke mandram-pahavy ty maray vaho ty kinta ty maray miakatre ao amponareo. [20]Haizo aloha zao, fa tsy misy famisavisa bakamity fagnan-karan-kevetre ty ndaty. [21]Fa tsy misy famisavisa bakamity sitrampo ty ndaty. Fa kea, tinary ty Fagnahy Masy ie rey mba hirehake ze nirehafen'Agnahare.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 2

[1]Ty mpamisavisa sandoke le niavy teo amity ndaty, naho ty mpampianatre sandoke avao kea le hoavy eo
aminareo. Handay ambalike sain-diso mamoteke iereo, naho hilietre ty Tompo ze nivily iereo. Iereo le manday
hapoteha malaky amiereo. [2]Maro ro hagnorike ty falemea iereo, naho amity alala rey ro hirehafan-draty ty lily ty
hamarea. [3]Amity fivaza ro hagnararaotane anareo miarake amity rehake mamitake. Tsy hoe lea ty fagnameloha
ie rey; tsy miroro ty hapoteha ie rey.[4]Fa Zagnahare tsy nandefetre reo anjele ze nanota. Fa kea natolone ho amity
velagne tane iereo mba ho voata amity gadra ty faieke mandram-pahavy ty fitsara. 9Fagnanarea:Ty dikan-
drehake taloha ilane le mivaky ty hoe:"Mba ho fehe ao amity lavake ty faieke mandram-pahavy ty fitsara.") [5]Naho
kea, tsy namototre zeo iaby zao taloha Re. Fa kea, namonje Noah, ty mpitalily ty hamarea, miarake amity fito
hafa, laha fa nanday ty safo-drano tamity fagnahy teto amizao iaby zao re. [6]Zagnahare avao kea le nanao reo tana
Sodoma vaho Gomora ho lavenoke naho nagnameloke iereo ho amity hapoteha, ho hoe ty ohatre amize hiseho
amity raty fagnahy.[7]Fa i Lota mare, te nampijale tamity etam-bata reo ndaty tsy ara-dily tamity halemea, le
vinonjen'Agnahare. [8]Fa ze lahilahy zay, te nivelo niarake tamiereo isan'andro, le mahaferegnay tamity fagnahy ty
hamareane naho zay hitane vaho reine. [9]Hay Tompo ty fomba hamonjea reo ndaty soa fagnahy amireo fitsapa,
vaho ty fomba hitana reo ndaty tsy mare ho amity fagnaliloa amity andro ty fitsara.[10]Mare vatane zay hoahy reo
ze manohy amity fagnirian-draty ty nofo vaho manao tsinontsino ty fahefa. Mahasaky vaho manompo rehake
mafe iereo. Iereo le tsy matahotre hirehake raty reo bey hasy. [11]Reo anjele le mana here vaho fahefa bey, fa iereo
le tsy manday fitsara magnaraty mandietre iereo amy Tompo.[12]Fa reo biby tsy manan-tsay reo le nato ho tsepahe
vaho potehe. Tsy hay iereo fandratia iereo. Ho poteke iereo. [13]Handrae ty valesoa ty zaka raty nataone iereo.
Midineke iereo fa ty tsy fihafea zisike ty andro le hafalea. Iereo le bey menomeno vaho tsiny. Tea iereo ty asa
famitaha iereo laha fa mihina miarake aminareo.(Fagnamarea:"Reo dikan-drehake ilane le mivaky hoe zao:" Tea
iereo ty asa iereo laha fa mihina miarake aminareo amity sakafom-pifankateava.") [14]Tolognen'ampela
mitsangatsanga iereo; tsy afa-po amity hadisoa vatane iereo. Mitarike fagnahy tsy mete mate ho amity fanoan-
draty iereo, naho mana arofo voanatre amity fagniria iereo. Ana ty ozo ie rey![15]Niala tamity lala-mahity
iereo.Lasa niotake iereo, naho nagnorike ty lala Balama ana i Beora, te tea ty karama ty tsy hamarea.
(Fagnamarea:Reo dikan-drehake ilane le mivaky ty hoe:"Balama, ana i Bosora.") [16]Fa nahazo rehake mafe re naho
ty fandikan-diline arere. Nisy borike moa nirehake tamity feo ty ndaty nagnajano ty gaga ty mpamisavisa.[17]Reo
ndaty reo le manahake ty loha-tao tsy misy ora. Hoe ty raho ente ty tafiotre iereo. Natoka hoahy iereo ty ieke
mateve. [18]Mirehake tsy ampandineha iereo. Mitao ty ndaty amity alala ty paie ty nofo iereo. Iereo le mitao ty
ndaty te miezake milay reo ze velo amity hadisoa. [19]Iereo le mpagnategna fahafaha hoahy iereo, kanefa re vatane
naho le ndevo ty halotoa. Fa ty ndaty le ndevo iaby ze maherese aze.[20]Ndra ia ia afake amireo halotoa zao iaby
zao amity alala ty Tompo vaho Jesosy Mpamonje, naho bakeo mihere amireo halotoa ndraike, le hanjare raty
naho ty toeran-jaka voalohane ty toeran-jaka farane. [21]Soa kea hoahy reo ty tsy mahay ty lala ty hamarea naho ty
mahay zay le hivalike amity lily masy natolotre iereo. [22]Mare hoahy iereo ty ohabola ty hoe:"Ty amboa ro mihere
amity loane. Ty koso le fa nisasa mihere mihosem-potake.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Henanezao, ry malala, manoratre ho anareo ty taratasy faharoe toy raho ho fampahatiarova ente handrisiha ty sainareo malio, [2]mba hahatiarovanareo teo tsara nirehafe ty mpamisavisa masy tagne taloha vaho ty lily Tompo vaho Mpamonje antika ze nomea reo apostolinareo.[3]Haizo aloha, fa ty mpagnaraty le ho avy amity andro farane. Iereo le hagnafake naho handeha arake ty paie iereo arere. [4]Iereo le hanao ty hoe:" Aia ty fampagnategna ty amity fiheregnane? Fa zisikezay nolia ty razambey mandre, le tsy niova ty zaka iaby, eka fa zisikamity nanomboha zao iaby zao aza."[5]Iereo le milietre magnaligno fa ty lagnitse vaho ty tane le nisy bakamity rano naho tamity alala ty rano, andro ela, [6]naho ty lilin'Agnahare, naho tamity alala reo zaka reo, ro nandrava ty tontolo tamize andro zay, tamity rano-bey. [7]Fa henanezao ty lagnitse vaho ty tane le natoka hoahy ty afo amity alala io lily io avao. Iereo le voatoka ho amity andro ty fitsara vaho ty famoteha ty ndaty raty fagnahy.[8]Ao tsy ho halignonareo, ry malala, fa ty indraike andro amy Tompo le hoe ty arivo tao, naho ty arivo tao hoe ty indraike andro. [9]Ty Tompo le tsy ela tamity fanoa reo fampagnategnane, arake ze rehafe ty ilane ho haelane. Fa kea, Re le maharetre aminareo. Tsy teane hisy ho robake nareo, fa mba ho lasa amity fibebaha iaby.[10]Ndra zay aza, hoahy hoe ty mpangalatre ty andro Tompo: Ty lagnitse le hanjavo miarake amity feo mafe. Ty zaka iaby le ho may ty afo, naho ty tane vaho reo asa ao amine le hambara. (Fagnamarea:Reo dikan-drehake ilane le mivaky ty hoe:"Ty zaka iaby le ho may ty afo, naho ty tane vaho reo asa ao amine le ho oroa iaby.")[11]Ka laha ho rava hoe zay zaka iaby zao, le tokone ho ndaty manao akorenareo? Tokone hivelo amity hamasigna vaho ty havelo arakean'Agnahare nareo. [12]Tokone hagnategna naho hampalaky ty fahavia ty andron'Agnahare nareo. Amize andro zay, ty lagnitse le ho rava ty afo, naho ty zaka iaby le feno amity hafanam-bey. [13]Fa arake ty fampagnategna, le miambe ty lagnitse vaovao vaho tane vaovao tika, te hitoboha ty hamarea.[14]Laha zao, ry malala, satria magnategna ze zaka zay nareo, manova ty soa vatane bakagne aminareo mba tsy hisy raty vaho tsy hanan-tsiny eo agnoloane, ampiadagna. [15]Naho kea, dineho ty fahareta Tompontika amity famonjea, manahakety sinora Paoly rahalahy malalantika taminareo, arake ty hamarea ze namea aze. [16]Paoly le mirehake ze zaka zay ao amity taratasine iaby, ze misy zaka sarotre takare. Ndaty tsy misy fahaia naho tsy miore ro magnova rey zaka rey, manahake ty hanovane reo soratre masy hafa avao kea, ka mahavy harobaha hoahy ty vatane.[17]Laha zao, ry malala, satria hainareo ze zaka zay, le ambeno ty vatanareo mba tsy ho voafandrike ty fitake ty ndaty raty fagnahy ka ho robake ty hamareanareo. [18]Fa mitomboa amity hasoava vaho ty fahaia ty Tompontika vaho Jesosy Kirisity Mpamonje antika. Ho aze anie ty hasy henanezao naho zisikagne. Amena!

# 1 John

Chapter 1

[1]Ze hatramy ty fanomboha- zao fa janjinay, ze fa fa hisanay tamy ty reo masonay, ze fa nivambanay, vaho ze fa nitsapana ty tagnanay zay le mikasikety Tsara ty fiaigna. [2]Manahake zay avao kea, ty fiaigna le nampahafantare, vaho fa hisanay zay, le mitsanga vavolombelo amy zay zahay. Zahay le magnambara aminareo ty fiaigna zisikamparane, ze tao amy ty Rae, vaho ze fa nampahafantare anay.[3]Ze hisanay naho janjinay le antalilinay aminareo avao kea, soa hagnanareo fifakazahoa aminay avao kea. Ty fifiankazahoa misy eo aminay le amy ty Rae naho amy ty Anane, Jesosy Kristy. [4]Manahake zay avao kea, manoratse reo raraha reo ho anareo zahay soa ho tanterake ty fifaleantika. [Fagnamariha: Reo dikan-tene taloha ilane le mivake manahake zao: "Vaho manoratse reo raraha reo zahay soa ho tanterake ty fifaleanareo."][5]Zao ro hafatse ze fa janjinay bak'amine le ambaranay aminareo: Andragnahare le fahazava, vaho ao Amine le tsy misy ike zao. [6]Laha mitalily tika te mana fifandraisa Amine vaho mandehja ao ampo ty ike, le mavande tika vaho tsy manao ty to. [7]Feie laha mandeha ao amy ty fahazava tika manahake Aze ao amy ty fahazava, le mana fifinkazahoa Aze ao amy tyy fahazava, le mana fifandraisa amy ty kiraikiraike iavy tika, vaho ty lio ndre Jesosy Anane ro magnadio antika amy ty hakeo iaby. [8]Laha mitalily tika te tsy manan-kakeo, le mamitake ty vatantika tika, vaho ty fahamarigna le tsy ao amintika. [9]Fewie laha magnina reo hakeontika tika, Reke le matoke naho to amy ty famelana reo hakeontika vaho magnalio antika amy ty tsy fahamarigna iaby. [10]Laha mitalily tika te tsy mboe nanao rate, le manao Aze ho mpavande, vaho tsy ao amintika ty tsarane.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 2

[1]Anake, manoratse reto raraha reto raho soa tsy hanaovanareo rate. Feie laha misy manao rate, le mana mpisolo
vava tika miarake amy ty Rae, Jesosy Kristy, iaze to. [2]Reke ro fagnavota ahy reo hakeontika, vaho tsy ty antika
avao, te ty ahy zao tontolo zao iaby avao kea. [3]Amy zay ro ahafantrantika te mahay Aze tika: Laha miambe reo
liline tika.[4]Iaze mitsara tihoe: "Mahay ahy ty Andragnahare raho", te tsy miambe reo liline, le mpavande vaho ty
to le tsy ao amine. [5]Te na ia na ia mitao ty tsarane, to vantagne, le ao amy zay ndaty zay ro nagnatanteraha ty
fitiava ty Andragnahare. Amy zay ro ahizantika te ao amine tika. [6]Iaze raeke ze mitsara te mitoetse ao amy ty
Andragnahare le tokone andeha avao kea reke manahake ty nandeha ndre Jesosy Kristy.[7]Malala, tsy manoratse
lily vaovao ho anreo raho, te lily taolo ze fa nanagnanareo hatramy ty fanomboha. Ty lily taolo le tsara ze
janjinareo. [8]Te manoratse lile vaovao ho anareo raho, ze to ao amy ndre Kristy naho ao aminareo, satria ty ike le
mandalo, te ty fahazava to le famamiratse.[9]Iaze raeke ze mitsara te ao amy ty mazava reke vaho malay ty
rahalahine le ao ampo ike hatramy zao. [10]Iaze raeke ze mitea ty7 rahalahine le mitoetse ao amy ty mazava vaho
tsy hisy fotoa handavo aze. [11]Te iaze raeke ze malay ty rahalahine ao amy ty ike le mandeha ao amy ty ike; reke le
tsy mahay ze andenane, satria ty ike le fa nahagoa ty fanjone.[12]Manoratse ho anareo raho, anake teako, satria reo
fahotanareo le voavela noho ty tahinane. [13]Manoratse ho anareo raho, rae, satria hainareo raho, mpamarake,
satria niresenareo iaze rate. Fa nanoratse ho anareo raho, ajaja malinike, satria nareo le mahay ty Rae. [14]Fa
nanoratse ho anareo raho, rae satria haianreo iaze bak'amy ty fanomboha. Fa nanoratse ho anareo raho,
mpamarake, satria mafe nareo, vaho ty tsara ty Andragnahare le mitoetse ao aminareo, vaho nareo le nandrese
iaze rate.[15]Ko mitea na ahy zao tontolo zao na reo raraha eo amine. Laha misy mitea ahy zao tontolo zao, le tsy ao
amine ty fitiava ty Rae. [16]Te ty raraha iaby ze ao amy zao tontolo zao-le tsy fila ty nofotse, ty fila ty maso, vaho ty
fieboebo ty fiaigna ze tsy bak'amy ty Rae te bak'amy zao tontolo zao. [17]Zao tontolo zao naho ty fagniriane le
mandalo. Te na ia na ia manao ty tea ty Andragnahare le hitoetse zisikam-parane.[18]Ty ajaja, toy ty ro lera farane.
Manahake ty fa janjinareo te ho avy ty antiKristy, henanezao maro reo antiKristy ze fa avy. Amy zay ro
ahizantika te toy ro lera farane. [19]Niala tamintika iareo, feie tsy bak'amintika. Te laha tamintika iareo, feie tsy
bak'amintika. Te lafa niala iareo, le nampiseho te tsy tamintika.[20]Te mana fagnosora bak'amy iaze Raeke Mase
nareo, vaho hainareo iaby ty to. [Fagnamariha: misy dikan-tene hafa ilane vaovao ze mivake tihoe: "mana ty
fahalala iaby nareo." Ty dikanteny ilane taloha le mivake tihoe: "vaho hainareo ty raraha iaby."] [21]Tsy nanoratse
ho anareo raho satria nareo le tsy mahay ty to, te satria hainareo zay vaho tsy misy vande bak'amy ty to.[22]Ia ro
mpavande te tsy iaze raeke ze mandà te re Jesosy ro Kristy? Ze ndaty zay le iaze antiKristy, lafa mandà ty Rae
naho Anake reke. [23]Tsy misy ndaty ze mandà ty Anake le hana ty Rae. Na ia na ia magnina ty Anake avao kea le
mana ty Rae.[24]Te ho anareo, lonike ze janjinareo hatramy ty fiandoha hitoertse ao aminareo. Laha zer janjinareo
hatramy ty fiandoha ro mitoetse ao aminareo, le hitoetse ao amy ty Anake naho ao amy ty Rae avao kea nareo.
[25]Zay ro fampagnantegna nomeine antika: le ty fiaigna zisikam-parane. [26]Fa nanoratse zay raraha zay ho anareo
raho mikasike reo ze handay anareo amy ty lalan-diso.[27]Te ho anareo, iaze hino ze nirambesinareo bak'amine le
hitoetse ao aminareo, vaho nareo le tsy mipay ndaty mampianatse anareo. Te manahake zay nampianare ty
fagnoso anareo ty raraha iaby le to vaho tsy vande, vaho manahake ze fa nampianare zay nareo, le mitoetse ao
Amine. [28]Henane zao, anake teako, mitoboha ao amine, soa lafa miboake Reke, le hana fahasakia tika vaho tsy
megnatse eo agnatrehane amy ty fiavine. [29]Laha hainareo te reke ro to, hainareo te ze iaby manao ty mete le
terake tamine.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 3

[1]Ingo manahake ty ino ty fitiava nome ty Rae antika, soa hikaiha antika tihoe ana ty Andragnahare, vaho zay tika.
Noho zay antone zay, zao tontolo zao le tsy mahay antika, satria tsy mahay aze zay. [Fagnamariha: Ty dikan-tene
taloha le tsy magnise tihoe: "vaho zay tika."] [2]Ry malala, ana ty Andragnahare tika henanezao, vaho zay le mboe
tsy nambara tihoe hanahake ty ino tika. Tika le mahay te lafa mimboake re Kristy, le hanahake Aze tika, satria
hahisake Aze manahake Aze tika. [3]Ty iaby ze mana zay fahatokia mikasike ty ho ave mifotse amine zay le
magnadio ty vatane soa halio manahake Aze.[4]Ze iaby manao rate le manao ze tsy ara-dalàgna; te ty hakeo le tsy
ara-dalàgna. [5]Nareo le mahay te re Kristy le natalily soa hangalake rei hakeo, vaho ao amine le tsy misy hhakeo.
[6]Tsy misy ndaty ze mitoese ao amine le mboe hanao rate avao. Tsy misy ndaty mboe manao rate nahisake aze na
nahay aze.[7]Anake teako, ko apoke hisy ndaty hamitake anareo. Iaze raeke ze manao ty fahamarigna le to,. Iaze
raeke ze manao ty fahamarigna le to, manahake ty mahato ahy ndre Kristy. [8]Iaze raeke ze manao rate le bak'amy
ty devole, te ty devole le nanao rate avao am-piandoha. Noho zay antone zay ty Ana ty Andragnahare le niboake,
soa ahazahoane mamotike reo asa ty devole.[9]Na ia na ia naterake ty Andragnahare le tsy hanohy ty haratia satria
ty voa bak'amy ty Andragnahare le mitoetse amy zay ro hampisehoa reo ana ty Andragnahare. [10]Ao amy zay ro
hampisehoa reo ana ty Andragnahare naho reo ana ty devole. Na ia na ia tsy manao ty to le tsy bak'amy ty
Andragnahare; na ty raeke ze tsy tea ty rahalahine avao kea.[11]Te zay ro hafatse ze fa renareo hatrgne am-
piandoha: te tika le tokone mifankatea, [12]te tsy manahake ahy ndre Kaina, ze bak'amy iaze rate naho namone ty
rahalahine. Te nanao akore reke ro namono aze? Satria reo asane le rate, vaho ty ahy ty rahalahine le to.[13]Ko
vere, rahalahiko, laha malay anareo ty tane. [14]Haintika te fa niala tamy ty fahafatesa mandeha agne amy ty
fiaigna tika, satria tea ahy reo rahalahy tika. ze tsy tea le mitoetse agne amy ty fahafatesa. [15]Ze malay ty
rahalahine le mpamono ndaty. Hainareo te tsy misy mpamono ndaty mana fiaigna zisikam-parane mitoboke ao
amine.[16]Amy zay ro hahaizantika ty fitiava satria Kristy nagnome ty fiaine ho antika. Tika avao kea le tokone
magnome ty fiaintika ho ahy reo rahalahy. [17]Te na ia na ia mana ty hanagna zao tontolo zao, le mahisake ty
fahasahiragna ty rahalahine, vaho magneke ty araofo ty fiferignaine aze, amy ty fomba manao akore ro itoera ty
fitiava ty Andragnahare ao amine? [18]Anako teako, lonike tika tsy hitea amy ty tsara na kea amy ty vava, te amy ty
asa naho fahamarigna.[19]Bak'amy zay ro hahaizantika te bak,amy ty fahamarigna tika, vaho mampatoke ty
arofontika eo agnatrehane tika. [20]Te laha magnameloke antika ty arontika, Andragnahare le bey noho ty arontika,
vaho mahay ty zaka iaby Reke. [21]Malala, laha tsy magnameloke antika ty arofontika, le mana fahatokia amy ty
amy ty Andragnahare tika. [22]Na ino na ino angatahintika le ho azontika bak'amine, satria tika mitao reo liline
naho manao ze teane eo agnatrehane.[23]Zao ro liline: tokone matoke ty tahina ty Anane Jesosy Kristy vaho
mifankatea tika, manahake ty fa nagnomezane antika zay lily zay. [24]Ty raeke ze mitajake reo lily ty Andragnahare
le mitoetse ao amine, vaho Andragnahare mitoboke ao amine. Amy zay ro hahafantarantika te reke le mitoboke
ao amintika, amy ty fagnahy ze nomeine antika.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 4

[1]Teako, ko matoke ty fagnahy iaby. Te kea, mitsapa reo fagnahy soa hahisake te bak'amy ty Andragnahare iareo,
satria mpitoke sandoke maro ro fa niala tamy zao tontolo zao. [2]Amy zay ro ahizanareo ty Fagnahy ty
Andragnahare-ty fagnahy iaby ze magnina te re Jesosy Kisty ze avy nofotse le bak'amy ty Amndragnahare, [3]vaho
ty fagnahy iaby ze tsy magnina te Jesosy le tsy bak'amy ty Andragnahare. Le zay ty fagnahy ty antiKristy, ze fa
janjinareo te ho ave, vaho henane zao ler eto an-tane. [Fagnamariha: misy dikan-teny taloha ilane le mivaky
tihoe: "Vaho ty fagnahy iaby ze tsy magnina te re Jesosy avy nofotse le tsy bak'amy ty Andragnahare. Zay le
fagnahy ty antikristy, zwe fa janjinareo te ho ave, vaho antiKristy le fa eto an-tane.][4]Nareo le bak'amy ty
Andragnahare, anake tea, vaho fa nandrese aiereo, satria iaze raeke ze ao aminareo le bey mihoatse noho iaze
raeke ze eto amy zao tontolo zao. [5]Iareo le bak'amy zao tontolo zao; noho zay ze iaby talily iareo le bak'amy zao
tontolo zao, vaho zao tontolo zao mijanje ahy iareo. [6]Bak'amy ty Andragnahare tika. Ze mahay ty Tompo le
mijanje antika. Reke ze tsy bak'amy ty Andragnahare le tsy mijanje antika. Amy zay ro ahizantika ty fagnahy ty
fahamarigna naho ty fagnahy ty fahadisoa.[7]Teako, lonike tika hifankatea, te ty fitiava bak'amy ty Andragnahare,
vaho ze iaby mitea le naterak'Andragnahare naho mahay ahy ty Andragnahare. [8]Ty ndaty ze tsy mitea le tsy
mahay ahy ty Andragnahare, satria Andragnahare le fitiava.[9]Noho zay ty fitiava ty Andragnahare le natalily
tamintika, te Andragnahare le nandefa ty Anane lahitoka ho ahy zao tontolo zao soa ho velo noho Reke tika. [10]Ao
amy zay fitiava zay. tsy nitiavintika ahy ty Andragnahare, te ty nitiavine antika, vaho ty nandefasane ty
Anandahine ho fagnavota reo fahotantika.[11]Teako, laha tea loatse antika Andragnahare, le tokone hifankatea
avao kea tika. [12]Tsy mboe nisy nahhisake ahy ty Andragnahare. Te laha mifankatea tika, le mitoboke ao amintika
Andragnahare vaho ty fitiavane le tanterake ao amintika. [13]Amym zay ro ahizantika te mitoetse ao amine tika
vaho reke ao amintika, satria reke le nagnome antika ty ilane amy ty fagnahine. [14]Vaho avao kea, fe nahisake tika
naho fa mitsanga vavolombelo te ty Rae le nandefa ty Anandahine ho Mpamonje ahy zao tontolo zao.[15]Na ia na ia
magnina te Jesosy le Anandahy ty Andragnahare, le mitoboke ao amine Andragnahare vaho reke ao amy ty
Andragnahare. [16]Tika avao kea le nahay vaho natoke ty fitiava ze fa nanagna ty Andragnahare ho antika.
Andragnahare le fitiava, vaho iaze raeke ze mitoboke amy zay fitiava zay le mitoboke ao amy ty Andragnahare
vaho Andragnahare le mitoboke ao amine.[17]Noho zay, zay fitiava zay le nitanterahe tamintika, soa hanagnantika
fahatokia amy ty andro ty fitsara, satria manahake Aze, le manahake zay avao kea tika eto amy toy tane toy. [18]Tsy
misy tahotse ao amy ty fitiava. Te kea, ty fitiava tanterake le mangalake ty tahotse, satria ty tahotse le tsy maintse
miarake amy saze. Te iaze raeke ze matahotse le natao ho tanterake ao amy ty fitiava.[19]Mitea tika satria
Andragnahare nitea antika voalohane. [20]Laha misy ndaty mirehake tihoe: "Teako Andragnahare" feie malay ty
rahalahine, le mavande reke. Te iaze raeke ze tsy mitea ty rahalahine, ze hisane, le tsy afake ty hitea ahy ty
Andragnahare, ze tsy hisane. [21]Vaho, zay avaop kea ro lily ze anagnantika bak'amine: Na ia na ia mitea ahy ty
Andragnahare le tsy maintse mitea ty rahalahine avao kea.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 5

1Na ia na ia matoke te re Jesosy ro Kristy le naterak'Andragnahare, vaho na ia na ia tea ty Rae avao kea le tea ty
anake naterane. 2Noho zay rp ahizantika te teantika reo ana ty Andragnahare: lafa tea ahy ty Andragnahare naho
magnatanterake reo liline tika. 3Satria zay ro fitiava ho ahy ty Andragnahare: le ty hagnatanterahantika reo liline,
vaho reo liline le tsy mavesatse.4Te ty ndaty iaby ze naterak'Andragnahare le mandrese ahy zao tontolo zao. Vaho
zay le fandresea ze fa nandrese ahy zao tontolo zao: ty finoantika. 5Ia iaze raeke ze mandrese ahy zao tontolo zao?
Iaze ze mino te re Jesosy le Anak'Andragnahare.6Zay le iaze Raeke ze avy atamy ty rano naho lio: Jesosy Kristy.
Reke le avy tsy tamy ty rano avao, te tamy ty rano naho lio. 7Te misy telo ze mitsanga vavolombelo: 8ty fagnahy, ty
rano, vaho ty lio. Reo telo reo le mifagnarake. [fagnamariha: Ty dikan-tene taloha ilane le mivake manahake zao:
"Te misy telo ze mitsanga vavolombelo agne an-dagnitse: ty Rae, naho ty Tsara, vaho ty Fagnahy mase; vaho reo
telo reo le raeke. Vaho misy telo ze mitsanga vavolombelo eto ambone ty tane: Ty Fagnahy, ty rano, vaho ty lio;
vaho reo telo reo le manahake ty raeke." Na zay kea, reo dikan-tene soa loatse le tsy mivake manahake zay.]9Laha
mandrambe ty fitsanga vavolombelo ty nadaty tika, le ho bey loantse ty fitsangana vavolombelo ty
Andragnahare. Te ty fitsangana vavolombelo mikasike ty Ananne. 10Na ia na ia matoke ty Anak'Andragnahare le
amana fitsangana vavolombelo ao amy vatane reke. ze tsy mino ahy ty Andragnahare le manao Aze ho mpvande,
satria reke le tsy natoke ty fitsangana vavolombelo ze fa nomey ty Andragnahare mikasike ty Anane.11Vaho ty
fitsangana vavombelo le zao: Andragnahare le nagnome antika fiaigna zisikam-parane, vaho zay fiaigna zay le ao
amy ty Anane. 12Iaze raeke ze mana ty Anake le mana ty fiaigna. Ty ndaty ze tsy mana ty Anak'Andragnahare le
tsy manana fiaiagna.13Fa nanoratse reto raraha reto ho anareo raho soa haizanareo te mana ty fiaiagna zisikam-
parane nareo- ho anareo ze matoke ty tahina ty Ana ty Andragnahare. 14Manahake zay avao kea, zao ro fifagneke
ze anagnantika eo agnatrehane, te na ino ino angatahintika arake ty teane le maneho antika Reke. 15Manahake
zay avao kea, laha haintika te mandre antika reke- na ino na ino angatahintika Amine- le haintika te azontika ze
iaby nangatahintika tamine.16Laha misy ndaty raeke mahisake ty rahalahine manao haratia ze tsy miterake
fahafatesa, tsy maintse mivavake reke, vaho Andragnahare le hagnome fiaigna ho aze. Raho le mampitove reo ze
mana hakeo tsy miterake fahafatesa. Misy hakoe ze miterake fahafatesa; tsy mirehake raho tihoe tokone
hivavake amy zay reke. 17Ty tsy fahamarigna iaby le fahota, feie misy hakeo tsy miterake fahafatesa.18Haintika te
na ia na ia natera ty Andragnahare le tsy manao rate. Feie iaze raike ze naterake ty Andragnahare le miaro ty
vatane, vaho ty rate le tsy afake ty ahakasike aze. 19Haintika te bak'amy tyu Andragnahare tika, vaho zao tontolo
zao le mitoboke ao amy ty rate.20Feie haintika te ty Ana ty Andragnahare le fa ave vaho fa nagnome antika
fahazavan-tsay soa ahizantika iaze raeke ze vatane to. Manahake zay avao kea, tika le ao amy iaze raeke ze to, ao
amy ndre Jesosy Kristy Anane. Reke ro Andragnahare to vaho fiaigna zisikam-parane. 21Anake, Arovo amy reo
sampe ty vatanareo.

# 2 John

Chapter 1

1Bak'amy ty ndaty bey le hatragne amy ty ampela voafile naho reo anane, ze teako amy ty fahamarigna - vaho tsy
raho avao, te reo iaby ze nahay ty to avao eka - 2noho ty fahamarigna ze mitoetse ao ampontika vaho hiarake
amintika zisikam-parane. 3Ho amintika vatagne ty fahasoava, ty famindrm-po, ty fiadagna bak'amy ty
Andragnahare Rae naho bak'amy ndre Jesosy Kristy, Anake ty Rae, amy ty fahamarigna naho fitiava.4Fale loatse
raho satria nahisake ty ilane amy reo anagnao mandeha amy ty fahaqmarigna, manahake ty nandrambesantika
zay lily zay bak'amy ty Rae. 5Vaho mangatake aminao raho, rampela - tsy manahake ty manoratse lily vaovao
aminao raho, te ze nanagnantika nanomboke voalohne - le ty tokone hifakateavantika sambe tika. 6Zao ro fitiava,
le ty soa handenantika arake reo liline. Zao ro lily, arake ty janjinareo hatramy ty voalohane, le ty tokone
handehananareo amy zay.7Te maro reo mpamitake fa lasa agne amy zao tontolo zao, vaho iareo le tsy magnina te
Jesosy Kristy le ave tamy ty nofotse. Zay ro mpamitake naho antiKristy. 8Vambao ty vatanareo, sao tsy hahaveze
reo raraha ze fa vitantika iaby, te soa handrambesanarei valem-pitea feno.9Na ia na ia mandeha eo aloha vaho tsy
mitoetse ao amy ty fampianara ndre Kristy le tsy mana ahy ty Andragnahare. Iaze raeke ze mitoetse ao amy ty
fampianara, zay raeke zay le mana ty Rae naho Anake. 10Laha misy ndaty ave eo aminao vaho tsy manday ze
fampianara zay, le ko mandrambe aze ho ao anjombanao vaho ko manalama aze. 11Te ze manalama aze le miaro
amy ty rate anoene.12Mana raraha maro sorata aminareo raho, feie raho tsy magnire hanoratse zay amy ty


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

taratase naho ranomainte. Na zay kea, magnantegna, soa ho tanterake ty fifaleanareo. [13]Manao veloma anao reo
anake ty rahavavinao voafile.

# 3 John

Chapter 1

[1]raho ndaty bey mitilike ahy ndre Gaalo teako, iaze teako amy ty fahamarigna. [2]Teako, mivavake raho amy ty
raraha iaby riha vaho tsy salama. manahake ty hatahia ty fagnahinao. [3]Te nifale loatse rah laha nisy rahalahe ave
vaho nitsanga vavolombelo tamy ty fahamarignanao, manahake ty andenanao amy ty to. [4]Tsy mana hafalea ney
noho toy raho, le mahajanje te mandeha amy ty fahamarignn reo anako.[5]Teako, manao asa azo antoke riha na
amy ty ino na ino asa amboarenao ho ahy reo rahalahe naho reo bahine,[6]ze nitsanga vavolombelo ty fitiavanao te
agnatreha ty fiangona. soa ro ataonao laha alefanao mandeha amy ty fomba maeva ahy ty Andragnahare iareo,
[7]satria noho ty agnara ro nialane, tsy nanday na ino na ino bak'amy reo Jentilisa. [8]Noho zay tika le tokone
handrambe ty manahake zay, soa ho mpiara-miasa amy ty fahamarigna tika.[9]Nanoratse raraha tamy ty fiangona
raho, feie Diotrefa, iaze te-ho lohane amy iareo, le tsy nandrambe anay. [10]Noho zay, laha ave raho, le ho tiaroko
reo asa ze nataone, ty fomba nitaliliane raraha mamparihe manohitse anay miarake amy ty tsara rate. Tsy afa-po
tamy reo asa, le tsy nandrambe reo rahalahy reke. Nandrara reo ze te- hanao manahake zay reke vaho
nandroake aiereo hiboake ty fiangona.[11]Teako, ko mangalake manahake ze rate te ze soa. Iaze raeke ze manao ty
soa le ahy ty Andragnahare; iaze raeke ze manao ty rate le tsy tsy nahisake ahy ty Andragnahare. [12]Ty iaby naho
ty fahamarigna le vavolombelo magnambara ahy ndre Demetrio. Zahay avao kea le mitsanga vavolombelo, vaho
hainao te to fagnambaranay.[13]Nana raraha maro ho sorata ho aminareo raho, te tsy magniry hanoratse reo
aminareo amy ty sitilo naho tanomainte raho. [14]Feie raho magnantegna hahisake anareo tsy ho ela, vaho
hirehake mivanta tika. [15]Ho aminareo vatagne ty fiadagna. Manao veloma anao reo ragnitse atoy. Velo agne amy
reo nama kiraikiraeke arake ty agnarane iaby.

# Jude

Chapter 1

[1]Joda, raike aze panompo i jesosy Kristy, rahalahy i Jakoba, hoaireo zay kaihe tihoe, hava ao amin'Andragnahare
Rae, naho voakoloko hoahy i Jesosy Kristy: [2]Hampitomboe hoaminareo anie ty famindragnarofo naho ty fiadagna
vaho ty fiteava.[3]Rihavako, laha igne ty ezake iaby hanoratse hoanareo ty mikasike ty famonjeahiharoantika igne
raho, le nanoratse hoanareo raho mbahanoseke anareo hialy mafe hoahy finoagny zay fanatolotse indraike avao
hoahy reo mino. [4]Fa hoahy reo ilae nisiske avao antsokosoko aminareo eo. Reo le ndaty fafantatse fa hoamy ty
heloke. Reo le ndaty raty fagnahy zay mametaveta ty hasoan'Andragnahare hoagne amy ty asaraty, vaho
mandietse ty Andriana naho ty Tompo, Jesosy Kristy.Amizao raho tahampahatsiaro anareo -na le fahaiareo
vatntagne avao zane -fa ty Tompo le nagnavotse ty ndaty bakagne amy ty tane egypta, fa tafara zay le vinonoe
iaby ze nandietse. [6]Vaho reo anjele zay tsinita ty fahefa zay napoke tamiareo, fa zay nandietse ty tanaiareo -
Andragnahare le nandrohy iareo tamy ty rohy zisikamparane, ao amy ty maieke bibike vatagne, hoamy ty andro
fitsara befoloay.[7]Manahake Sodoma naho Gomora naho reo tana agnila iareo, zay nagnomey ty vatagniareo
hoamy tifandratova naho ty fandrea tsimete. Le natao ohatse amy reo zay mijale amy ty sazy agne amy ty afobey
zisike farane iareo. [8]Kanefa manahake zay avao, reo mpagninofybreo le mandoto ty vatagniareo, vaho mivola
raha raty hanohetse reo ndaty bey reo.Fa dra le Mikaele arikanjely kea, laha fa nialy tamy devoly naho
nifandietse tamine tamy ty fate i Mosesy, le tsy nahasaky nivolandraty himelofane. Fakenao horeke: ''Handratse
anao gea ty Tompo!'' [10]Fa reo ndaty reo le mivola ndraty ty raraha iaby tsihaie. Vaho zay haie -manahake ty
fahaiane ty biby gege -zay ro manimba iareo io.[11]Loza hoaiareo! Fa naho nandeha tamy ty tana i Kaina iareo,
vaho nagnorike ty hadisoa i Balama hahazo mbalene. Le nilany tao amy ty fankalaigny kora iareo.[12]Reo le ndaty
zay holibato mitsioke ao amy ty hanem-piteaareo. Mihina aminkegnatse, mamoky ty vatagniareo avao. Iareo le
rahogne tsimisy rano, andese ty tioke. Hetae asotry tsy manamboae -ingo mate, niala ty vahae. [13]Iareo le
lahindriake mikahake, mitopatopa mamorevore ty hegnaiareo. Vasie miriorio iareo, ka voahaja hoaiareo zisike
farane ty fangokogny ty maieke.[14]Vaho Enoka, aze fahafito i adamay, le fa nitoky momba reo,nivla tihoe: ''ingo!
Hoavy ty Tompo miarake amy reo masy agnalegnalegne. [15]Hoavy Reke mbahavita irake amy ty fitsara ty ndaty
iaby. Hoavy Reke hampagnina ty raty fagnahy iaby amy ty zaka vitane tamy ty haratiam-pagnahine, vaho reo


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

rehake mafy iaby zay nivolagne ndaty raty fagnahy hanohetse Aze." 16Reo le mpimonomono, naho mpitoretoreo,
zay magnorike ty fipaiandraty iareo.Iareo le misekoseko fatratse,zay naho ty tombotsoa iareo raike, le mamarotse
ty hafa.17Fanareo, rigea, kahaligno reo rehake nivolagne reo Aposto i Jesosy Kristy Tompontika faelay. 18Iareo
nanao tihoe taminareo: "Amy ty andro farane hisy mpagnaratiaraty zay hagnorike ty fipaia ty haratiam-
pagnahine."19Ndaty reo le mitarike amy ty fisaraha. Iareo le ndaty magnorike ty asa nofotse, vaho tsimana ty
Fagnahy20Fa nareo, rigea, mihamafea soa eo amy ty finoanareo masigne vatagne,vaho mivavaha ao amy Fagny
Masigne. 21Mitoboha nareo ao amy ty fitean'Andragnahare, vaho lignaso ty famindragnaro i Jesosy kristy
Tompontikazay manday anao hoamy ty fiaigna zisikamparane.22Mamindra arofo amy reo zay misalasala.
23Rombaho vaho sintono amy afo ty ndaty ilae. Vaho ty ilae kea amindrao arofo amy ty tahotse. Mitsinjaha na le
amy ty akanjo nilotoe ty nofotse kea.24Vaho hoahy reo ze miaro anareo tsy hotohy, vaho hahatonga anao hitsanga
eo amy ty hasigne, malio hakeo naho mampifale befoloay, 25amin'Andragnahare mpamonje antika vatagne tamy
ty lalagn' i Jesosy Kristy Tompontika, ty hasy , ty habey, ty fahefa, ty here, taloha ty fotoa iaby, amizao, vaho
zisikamparane. Masy

# Revelation

Chapter 1

1Toy ty fagnambara ahy ndre Jesosy Kristy ze namey ty Andragnahare aze hampiseho ahy reo mpiasane ty raraha
tsy maintse hiseho. Nampahafantarine zay tamy ty alala ty fandefane ty anjeline ho ahy ndre Jaona mpiasane.
2Jaona le nagnamarina ty mikasike ty tsara ty Andragnahare naho reo fitsangana vavolombelo mikasike ahy ndre
Jesosy Kristy, naho reo raraha iaby hisane. 3Vototse reke ze mamake amy ty feo mafe, vaho ze mijanje ty tsara zay
fitokia zay, naho ze miambe ze voasoratse zay, naho ze miambe ze voasoratse ao amine, soa fa marine ty fotoa.
4Jaona nandeha agne amy reo fiangona fito tagne Asia: Ho aminareo vatagne ty fahasoava naho ty fiadagna
bak'amy iaze henane zao, naho taloha, vaho ho ave naho bak'amy reo fagnahe fito ze eo agnatreha ty seza
fiankinane, 5vaho bak'amy ndre Jesosy Kristy, ze vavolombelo to, taolagnolo amy ty mate, vaho bey ty mpanjaka
ty tane. Ho ahy iaze tea antika naho nagnafake antika tamy reo hakeontika tamy ty lione__ 6Reke nanao antika ho
fanjaka, mpisoro ho ahy ty Andragnaharine naho Raene__ ho Aze vatagne ty hasy naho fahefa zisikam-parane
agne. Amena.7Ingo, bak'amy ty hiboke Reke; vaho ty maso iaby hahisake Aze, na le reo nitomboke Aze kea. Ty
firenena iaby ambone ty tane hitomagne Aze. Eka, Amena. 8"Raho ro Alfa naho Omega," Nanao tihoe ty Tompo
Andragnahare, "iaze henane zao, naho taloha, vaho ho ave, le iaze tsy misy mahasolo." (Fagnamariha: "Raho ro
Alfa naho Omega, ty fanomboha naho fitamperane," nanao tihoe ty Tompo Andragnahare.9Raho, Jaona__
rahalahinareo naho iaze raeke ze nizara taminareo tao agnate fijalea naho fanjaka vaho ty fahareta ao amy ndre
Jesosy Kristy__le tao amy ty nosy atao tihoe Patmo noho ty tsara ty Andragnahareo naho fitsangana vavolombelo
ty mikasike ahy ndre Jesosy. 10Raho le nitarihy ty Fagnahy tamy ty andro ty Tompo. Nahajanje feo mafe manahake
ty trompetra teo ambohoko raho. 11Nanao tihoe zay: "Sorato ao amy ty boke ze hisanao, kea alefaso agne amy reo
fiangona fito__ho ahy ty Efesosy, Smyrna, Pergamosy, Tyatira, Sardisy, Filadelfia, vaho Laodikia."12Nivamba ty
magnodide raho nipay tihoe feon'ia zay nitsara tamiko zay, vaho laha nitolike raho le nahisake fasian-jiro
volamena fito. 13Vaho teo ampagnivoa ty fagnisian-jiro nisy raeke manahake ty Ana ty ndaty, nisike akanjo lava
ave agne amy ty tombone, vaho setira volamena magnodide ty aragnane.14Ty lohane naho volone le fote
manahake ty volo ty aondre__ fote manahake ty zavo, vaho masone manahake ty lelan'afo. 15Ty tombone
mamiratse manahake ty saba, manahake ty saba voalio teo amy ty laforo, vaho ty feone manahake ty feo ty rano
bey mandeha. 16Vaho nana vasia fito tegna an-tagnane ankavana Reke, vaho meso roe lela maragnitse niboake
bak'eo amy ty vavane. Ty tarehine le nazava manahake ty masoandro lafa milelalela.17Lafa nahisake Aze raho, le
nilavo teo amy ty tombone manahake ty ndaty mate. Nanendre ahike tamy ty tagnane ankavana Reke le nanao
tihoe: "Ko matahotse. Raho ro voalohane naho farane, 18vaho iaze raeke ze velo. Fa mate raho, te ingo, velo
zisikam-parane! Vaho Raho mana ty le kile ty fahafatesa naho ty Fiaignan-tsy hisake.19Noho zay sorato ze hisanao,
ze henanezao, naho zer hiseho aofara zao. 20Manahake ty zaka-mivone maikasike reo vasia fito ze hisanao tsara
an-tagnan-kavanako, naho reo fasian-jiro volamena fito: "Ty vasia fito le reo anjele ty fiangona fito, vaho ty
fasian-jiro fito le reo fiangona fito."

Chapter 2

1Sorato ho ahy ty anjele ty fiangona ao efesosy tihoe: "Reto ty tsara bak'amy iaze raeke mitajake reo vasia fito amy
ty tagnan-kavanane vaho mandeha eo amy reo fasian-jiro volamena fito, 2"Haintso ze fa vitanao naho ty asa
mafenao vaho ty fiaretanao maharitse. Hainao te tsy afake handefitse amy ty ndaty rate riha. Haintso te
nitsapanao reo ze mitalily aiereo ho apostoly feie tsy ie, vaho hisanao iareo te sandoke.3Haintso te amna fahareta
riha, vaho nijale mafe noho ty amy ty agnarako, vaho tsy nilavo lefo riha. 4Feie manohitse anao raho satria
namela ty fitiavanao voalohane riha. 5Tiarovo noho zay ty toera ze nahalavo anao. Mibebaha vaho manaova reo
raraha ze nataonao voalohane. Te laha tsy mifona riha, le ho ave agne aminao raho vaho hangalake reo fagnisin-
jironao amy ty fitoerane.6Feie zao ro ataonao: "Hejinao ty zaka-vita ty Nikolaita, ze hejiko avao kea. 7Lonike ze
manan-tsofe hijanje ze talily ty Fagnahy ho ahy reo fiangona. Ho ahy iaze raeke ze maharese le homeiko alala
hihina ty bak'amy ty hetae ty fiaigna, ze ao amy ty paradisa ty Andragnahare."""8Sorato ho ahy ty anjele ty
fiangona agne Smyrna tihoe: "Reto ty tsara iaze raeke ze voalohane vaho farane, iaze raeke ze mate feie velo
ndraeke: 9"Haintso reo fahorianao naho fijaleanao, feie manan-kanagna riha. Haintso ty firehafa rate ho ahy reo
ze mirehake ty vatane te Jiosy, feie tsy reke. Synagoga ndre Satana iareo.10Ko matahotse ty amy ze fa hiaretanao.
Ingo! Ty devole le hanorake ty ilane aminareo agne amy ty tragnomaike soa ho tsapa nareo, vaho hijale agne ty
folo anro nareo. Matokia mandra-pahafate, le homeiko anareo ty sambaka ty voninahitse ty fiaigna. 11Ze manan-
tsofe lonike reke hijanje ze talily ty Fagnahy ho ahy reo fiangona. Iaze raeke ze maharese le tsy ho simba ty
fahafatesa faharoe."""12Sorato ho ahy ty anjele ty fiangona agne Pergamosy tihoe: "Reto ty tsara iaze raeka ze
mana meso roe lela: 13"Haintso ze itobohanao, le ao amy ty hitoera ty seza fanatapaha ndre Satana. Vaho henane
zao mitajaha mafe ty tahinako riha. Haintso te ty nandà ty finoanao ty amiko riha, na tamy reo andro ndre
Antipasy vavolombelo kea, ze natoke Ahike, ze nivonoa te aminareo, tao amy ty fitoboha ndre Satana14Te manan-
tsara kele aminao Raho: "Misy ilane aminare mita mafe ty fampianara ty Balama, ze nampianatse ahy ndre
Balaka hametrake fanafintohigna eo agnoloa ty anagn'Israely, soa hihinana iareo mahatanjake natao soro ho ahy
ty sampe vaho fijangajanga. 15Manahake zay avao, misy ilane aminareo ze mita mafe ty fampianara reo Nikolaita.
16Mifona, noho zay! Te laha tsy zay, le ho ave malake agne amianreo Raho, vaho hianle amy iareo raho miarake
amy ty meso ty fitavako. 17Lonike ze manan-tsofy hijanjigna ze talily ty Fagnahy ho ahy reo fiangona. Ho ahy reo
ze maharesy, homeiko ty ilane amy reo mana mivone, vaho homeiko vato fote miarake amjy ty agnaram-baovao
voasoratse eo amy ty vato, agnara ze tsy hay ty ndaty ankoatse ze mandrambe aze avao."""18Sorato ho ahy ty
anjele ty fiangona ao Tyatira tihoe: Reto ty tsara ty Ana ty Andragnahare, ze mana fanjotse manahake ty lelan'afo
vaho tomboke manahake ty saba mamiratse: 19"Haintso ze vitanao: Ty fitiavanao naho ty finoanao naho ty
fanompoanao vaho ty faharetanao. Haintso te ze vitanao farane le maro noho ze vitanao voalohane.20Feie zao ro
hanoherako anao: Leferinao iaze ampela Zezebela, ze mikaike ty vatane ho mpitoke ampela. Amy ty alala ty
fampianarane le mamitake reo mpiasako reke soa hijangajanga naho hihina mahatajake atao soro ho ahy ty
sampe. 21Nagnome fotoa soa hifonane Raho, feie tsy mete hibebake ty amy ty fijangajangane reke.22Ingo! Hataoko
marare eo ampandrea reke, vaho reo ze mijangajanga miarake amine le hampahoriko mafe, laha tsy mifona amy
ty asa rate iaze ampela iareo. 23Ho vonoiko ho amte reo anane, vaho reo fiangoba iaby le hahay te Raho iaze
amhisake ty fieretsereta naho fihetsem-po. Homeiko arake ty asanareo kiraikiraike iaby nareo.24Te ty amianreo ze
sisa ao Tyatira, ze iaby ty mita zao fampianara zao, naho tsy mahay ze antsoy ty ilane tihoe sain-dalike ndre
Satana__ zao ro ataliliko aminareo tihoe: "Tsy vesariko entsa hafa nareo." 25Na zay kea, tsy maintse mitajake mafe
ty finoanareo nareo mandra-piaviko.26Iaze raeke ze maharese naho ze manao ze fa vitako hatramy ty farane, le
homeiko aze ty fahefa amy ty firenena iaby. 27'Hanapake eo amy iareo miarake amy ty fitogno vy reke, manahake
ty fanorotoroa velegne tane ro hagnapoteha aiereo.' 28manahake ty nandrambesako bak'amy ty Raeko, ro
hagnomezako aze vasia maraindray avao kea. 29Lonike iaze raeke ze m,anan-tsofe hijanaje ze talily ty Fagnahy ho
ahy reo fiangona.""

Chapter 3

[1]Sorate ho ahy ty anjele ty fiangona agne Sardisy tihoe: Zao ro tsara iaze mità reo Fagnahy foto ty Andragnahare
naho reo vasia fito. "Haintso ze nataoano. Malaza ho velo riha, feie riha mate. [2]Mifohaza vaho hatanjaho ze
tavela, te fa ho mate, satria tsy hisako iaby reo asanao eo amy fanjo ty Andragnahareko.[3]Tiarovo, noho zay, ze
nirambesinareo naho janjinareo. Inao zay, vaho mifona. Te laha tsy mifoha nareo, le ho ave manahake ty
mpangalatse Raho, vaho tsy ho hainareo ty lera hiaviako aminareo. [4]Te misy agnara ty ndaty kelekele agne
Sardisy ze tsy nandoto ty akanjo iareo. Handeha hiarake amiko iareo, miakanjo fote, satria maeva.[5]Iaze raeke
maharese le ho ampisikine fote, vaho tsy hamafa ty agnarane ao amy ty Boky ty Fiaigna zao Raho, vaho hitalily ty
tahinane eo agnatreha ty Babako, naho eo agnatreha reo anjeline. [6]Lonike ze manan-tsofe hijanje ze talily ty
Fagnahy amy reo fiangona."""[7]"Sorato ho ahy ty anjele ty fiangoba agne Filadelfia tihoe: 'Zao rop tsara iuaze raeke
ze mase naho to_ reke ro mitajake ty la kile ndre Davida, re ro mamoha vaho tsy misy na ia na ia magnile, re
romagnile vaho tsy misy na ia na ia afake mamoha. [8]"haintso ze vitanareo. Ingo, nametrahako varavara mivoha
eo agnoloanareo ze tsy afake hiziliha na ia na ia. Haintso te mana here kele nareo, le nagnina ty tsarako vaho tsy
nanà ty tahinako.[9]Ingo! Reo ze ahy ty synagoga ty Satana, reo ze mitalily te Jiosy iareo feie tsy ie zao; te mavande
kea iareo. Hataoko ave le hiankohoke eo an-tombokao iareo, vaho ho aze iareo soa hahizako te nitea anao Raho.
[10]Satria fa nitao ty liliko tamy ty fahareta nareo, le hiarao anareo amy ty andro fitsapa ze fa ho ave amy zao
tontolo iaby zao avao kea Raho, soa hitsapa reo ze miay eo ambone ty tane. [11]Ho ave tsy ho ela Raho. Tano mafe ze
mafe ze hanagnanao soa tsy hisy hangalake ty sabaka ty voninahitsao.[12]Ataoko boto eo amy ty tempoly ty
Andragnahareko ze mandrese, vaho tsy hiala eo zao reke. Ho soratako eo amine ty agnara ty Andragnahareko
iaze tahina ty Andragnahareko (iaze Jerosalema vaovao, ze mizotso bak'agne an-dagnitse bak'amy ty
Andragnahare), naho ty tahinako vaovao [13]Lonike ze manan-tsofy hijanje ze talily ty Fagnahy amy reo
fiangona."""[14]"Sorate ho ahy ty anjele ty fiangona agne Laodikia tihoe: "Zao ro tsara ty Amena, iaze vavolombelo
matoke naho to, iaze mpanapake ty zaka voare ty Andragnahare. [15]"Haintso ze nataoanareo, vaho tsy manitsy na
mafana nareo. Magnisy Raho soa ho manitse na mafa nareo! [16]Noho zay, satria nareo matemate_ naho tsy mafana
ro tsy manitse_le fa haloa ty tahinako nareo.[17]Te nanao tihoe: 'Manan-kanagna raho, nana fitaova maro, le tsy
mila na ino na ino.' Feie tsy haianareo te nareo ro tena mijale, mampalahelo, mijale, goa vaho mitanjake.
[18]janjigno ty torohevitsiko: Mivilia volamena voalio tamy ty afo amiko soa ho ave mpanan-kanagna nareo, vaho
akanjo fote mamaratse soa ho afake mampisike ty vatanareo nareo le tsy hampiseho ty hegnatse ty
fimegnaranareo, vaho hagnosotse ty masonareo soa hahisahanareo.[19]Ampiofaniko ty kiraikiraike iavy ze teako,
vaho hampianariko aze reo ty fomba tokone hiaigna iareo. Noho zay, mazotoa vaho mifona. [20]Ingo, mitsangana
eto amy ty varavara Raho vaho mamaipaike. Laha misy mahajanje ty feoko le mamoha ty varavara, le ho ave ao
an-tragnone Raho le hitava miarake amine, vaho reke miarake amiko.[21]Iaze raeke ze mandre, hagnome aze ty zo
hitobohane miarake amiko eo amy ty seza fanapahako manahake ty nahajanjignako kea le nitobohako niarake
tamy ty Raeko teo amy ty sefanapahane. [22]Lonike ze manan-tsofe hijanje ze talily ty Fagnahy amy reo fiangona."""


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 4

[1]Tafara zay raraha zay le nagnete raho, vaho nahisake varavara raeke nisokatse tegne amy ty lagnitse. Ty feo
voalohane ze henoko le nirehake tamiko manahake ty trompetra, nanao tihoe: "Miakara etoy, vaho hasehoko
anaoze tsy maintse hiseho ao afara reo raraha reo." [2]Nisy fotoa raho voatarike ty Fagnahy, vaho nahisake te nisy
seza fanapaha nitoboha tegne amy ty lagnitse, nisy ndaty nitoboke teo ambone zay. [3]Iaze raeke ze nitoboke teo
ambonine le manahake ty jaspa naho karneola. Nisy avana nagnodidy ty seza fanapaha. Iaze avana le manahake
ty emeraoda.[4]Nisy seza fanapaha efats'ambe roapolo nagnodide iaze seza fanapaha, vaho ndaty bey efats'ambe
roapolo ro nitoboke teo ambone reo seza fanapaha, niakanjo fote, niarake tamy ty sabaka ty voninahitse
volamena tegne amy ty ambone iareo. [5]bak'amy iaze seza fanapaha ro nisy tsela-pahazava, hotroke, vaho hotro-
kora. Nisy jiro fito nirehitse teo agnoloa seza fanapaha jiro ze fagnahy fito ty Andragnahare.[6]Teo aloha ty seza
fanapaha le nisy ranomse fitaratse, manahake ty kristale. reo zaka-manam-piay efatse le teo ampagnivoa ty seza
fanapaha naho nagnodide zay, feno maso, teo agnoloane naho tao an-dabosine.[7]Iaze zaka-mana-piay voalohane le
manahake ty liona, iaze zaka-mana-piay faharoe manahake ty anake ty aombe, iaze zaka-mana-piay fahatelo le
manahake ndaty, vaho iaze zaka-mana-piay fahaefatse manahake ty voro-mahere mitily. [8]reo zaka-mana-piay
efatse le sambe mana elatse ene iaby, feno maso ty ambone naho ty ambane. Andro naho ty halike iareo le tsy
mijano mirehake tihoe: "Mase, mase, mase iaze Tompo Andragnahare tsy misy Mahasolo ze nisy, na nisy, naho
misy, vaho mboe ho ave."[9]Na ombia na ombia reo zaka-mana-piay le hagnome hasy, laza, vaho fisaoraahy iaze
raeke ze mitoboke eo amy ty seza fanapaha, iaze raeke ze velo zisikam-parane agna, [10]reo ndaty bey efatse'ambe
roapolo le nampihohoke ty vata iareo eo agnoloa iaze raeke ze mitoboke eo amy ty seza fanapaha. Miankohoke
eo amy iaze raeke ze velo zisikam-parane agne iareo, vaho nanorake ty sambake ty voninahitse iareo teo agnoloa
ty seza fanapaha, mitsara tihoe: [11]"Maeva riha, Tompona naho Andragnaharenay, handrambe ty hasy naho ty laza
vaho ty here. Te riha ro namoro ty raraha iaby, vaho tamy ty alala ty sitra ty arofonao, le nisy iareo vaho nihare."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 5

[1]vaho nahisake ty tagnan-kavana iaze raeke ze nitoboke teo amy ty seza fanapaha raho, horon-taratsy voasoratse
eo agnoloa naho ao afara. Vaho nifehezy tamy ty tombo-kase fito zay. [2]Nahisake anjele mahere nagnambara tamy
ty feo mafe raho, nitsara tihoe: "Ia ro maeva ty hanokatse ty horon-taratase vaho hamoha ty tombo-kase zay?"[3]tsy
misy ndaty bak'an-dagnitse na eto an-tane na ambane ty tane le afake hanokatse ty horon-taratase na hamake
zay. [4]Nitomagne mafe raho- satria tsy nisy ndaty hisake maeva ty hanokatse ty horon-taratse na hamake zay. [5]Feie
raeke tamy reo ndaty bey nitalily tamiko tihoe: Ko mitomagne. Ingo! Iaze lio ty foko ndre Joda, iaze solofo ndre
Davida, le nandrese. Afake ty hanokatse ty horogna-taratase naho reo tombo-kase fito reke.[6]Nahisake Ana ty
aoandre mitsanga eo agnelagnela ty seza fanapaha naho reo zaka-mana-piay efatse vaho eo agnivo reo ndaty bey
raho. Manahake tihoe ndaty nivonoa reke. Nana tsifa fito naho maso fito reke; iareo ro fagnahy fito ty
Andragnahare nalefa nagnera ty tane. [7]Nandeha reke vaho nangalake iaze horognan-taratase tegne amy ty
tagnan-kavana niaze raeke ze nitoboke teo amy ty seza fanapaha.[8]Lafa nirambesy iaze Anak'aondre iaze
horognan-taratase, reo zaka-mana-piay efatse naho reo ndaty bey efats'ambe roapolo le nampiankohoke ty vata
iareo teo agnoloane. Sambe nana lokanga naho finga volamena feno emboke magnitse iaby ty kiraikiraeke tamy
iareo, ze vavake reo mpino.[9]Niantsa antsa vaoavao iareo: "Maeva ty handrambe ahy iaze horon-taratase riha
vaho hanokatse ty tombo-kase zay. Te riha le nivonoa vaho tamy ty lionao ro nivilia ahy reo ndaty ty
Andragnahare bak'amy ty foko, firehake, ndaty, vaho firenena iaby. [10]Nataonao fanjaka naho mpisoro iare soa
hanompo ahy ty Andragnahare, vaho hanjaka eto an-tane."[11]Bak'eo raho le nahisake naho nmadre feo ty anjele
maro nagnodide ty seza fanapaha naho reo zaka-mana-piay vaho reo ndaty bey. Ty fiharoa ty iareo le agn'aline
agn'aline. [12]NItsara tamy ty feo mafe iareo tihoe: "Maeva vatae iaze Anak'aondre ze nivonoa soa handrambe
fahefa, hanagna, fahendrea, here, laza, asy, vaho antsa."[13]Nahajanje reo raraha vitatapake iaby ze tagne an-
dagnitse naho teto an-tane vaho agne an-dranomasy raho- ty raraha iaby tao ampo reo-nitsara tihoe: "HO ahy
iaze raeke ze mitoboke eo amy ty seza fanapaha naho ho ahy iaze Anak'aondre, ty antsa, laza, ty asy, vaho ty
fahefa handile, zisikam-parane agne." [14]Reo zaka-mana-piay efatse, nirehake tihoe: "Amena!" Vaho reo ndaty bey
niankohoke naho nivavake. [Fagnamariha: Ty ilane aminareo dikan-tene taloha le mivake tihoe: "Reo ndaty bey
roa ambe efapolo le niankohoke naho nanompo ahy iaze raeke ze velo zisikam-parane agne."]

Chapter 6

[1]Lafa nanokatse ty raeke tamy reo tombo-kase fito ty Anak'aondre le nagnete raho, vaho nahajanje ty raeke tamy
reo zaka-mana-piay efatse tamy ty feoa manahake hotroke raho nitsara tihoe: "Avia! [2]Nagnete raho vaho nisy
soavale fote teo. ty mpijo zay le nitajake kiditse, vaho nomea sambakam-bonihatse reke. Niboake manahake ty
mpandrese reke soa handrese.[3]Lafa nanokatse ty tombo-kase faharoe ty Anak'aondre. le nahajanje ty zaka-mana-
piay faharoe raho nitsara tihoe: "Avia!" [4]Le nisy soavale hafa niboake- mkirehitse mena. Ty mpijo zay ro nomea
alala hangalake ty fiadagna amy ty tane, soa hifamono ty ndatine. Io mpinjo io le nomea meso bey.[5]Lafa
nanokatse ty tombo-kase fahatelo ty Anak'aondre, le nahajanje ty zaka-mana-piay fahatelo raho nitsara tihoe:
"Avia!" Nahisake soavale mainte raho, vaho ty mpijo zay le nitajake tavoange tegne an-tagnane. [6]Nahajanje
manahake ty feo tamy ty zaka-mana-piay efatse raho nitsara tihoe: "Ty vare era ty fatram-bare ho ahy ty denaria
raeke, vaho ty hordea in-telo ty fatram-bare ho ahy ty denaria raeke. Te ko manimba ty menake naho ty
divay."[7]Lafa nanokatse ty tombo-kase fahaefatse ty Anak'aondre, le nahajanje ty feo ty zaka-mana-piay fahaefatse
raho nirehake tihoe: "Avia! [8]Le nahisake soavale hasatse raho. Ty mpijo zay le niakaine tihoe fahafatesa, vaho reo
Valavato le nagnarake aze. Nomea fahefa amy ty ampaha-efatse ty tane iareo, soa hamono amy ty meso, hakere,
naho arete, vaho amy reo bibily ty tane.[9]Lafa nanokatse ty tombo-kase fahadime ty Anak'aondre, le nisako tao
ambane alitara reo fagnahy reo ze nivonoa noho ty tsara ty Andragnahare naho ty fijoroa vavolombelo ze nitàna
iareo. [10]Nikoike tamy ty feo mafe iareo tihoe: "Zisikim-bia, Mpanapake ambone ty iaby, mase naho to, ro
hitsaranao reo ze miay eto an-tane, naho hamaleanao fate ty lionay? [11]Le nomea akanjolava ty kiraikiraeke
bak'amy iareo, vaho nirehafe iareo te tokone handigne kelekele, vaho nirehafe iareo te tokone hiandre kelekele
mandra-pahazoa ty isake feno reo mpiara-manompo iareo naho reo rahalahe naho rahavavy iareo ze tokone
hovonoa iareo, manahake ty namonoa aiereo.[12]Lafa nanokatse ty tombo-kase fahaene ty Anak'aondre, le nagnete
raho vaho nisy horohoron-tane bey. Lasa mainte manahake ty lamba fisaogna ty masoandro, vaho ty vola
gorobey le lasa manahake ty lio. [13]Reo vasia tegne amy ty lagnitse le nilavo tetoy an-tane, manahake ty aviave
magnitsa ty voane manta lafa hetsefe ty tioke mahere. [14]Ty lagnitse le nanjavop manahake ty horon-taratarsy ze
naorokoro. Ty vohitse naho nose iaby le nafaha teo amy ty toerane.[15]Bak'eo mpanjaka ty tane naho ty ndaty
manan-danja, naho reo Jenerale, ty mpanan-kanagna, ty mahere, vaho ty hafa iaby, andevo naho afake, niafe tao
ampo reo lava-bato naho tamy reo vatolampe ty vohitse. [16]Nitsara tamy reo vohitse naho tamy reo lamelame
iareo tihoe: "Milavao aminay! Afeno amy ty sandre iaze raeke ze mitoboke eo amy ty seza fanapaha naho amy ty
siake ty Anak'andre zahay. [17]Te Ave ty andro bey ty helogn'iareo. Ia ro hahavita hiharitse?"

## Chapter 7

1 Tafara zay le nahisake anjele efatse nitsanga teo amy ty zoro tane efatse raho, nanohitse mafe ty tioke efatse ty tane, soa tsy hisy tioke hitioke amy ty tane, amy ty ranomase, na hifanohitse amy ty hetae iaby. 2 Nahisake anjele hafa raho niakatse bak'agne antignana, ze nana ty tombo-kase ty Andragnahare velo. Nikoike tamy ty feo mafe tamy reo anjele efatse ze nahazo alala hanimba ty tane naho ty ranomsy reke tihoe: 3 " Ko simba ty tane naho ty ranomasy, na reo hetae mandra-pagnisiantika ty tombo-kase eo amy ty handre reo mpiasa ty Andragnahare." 4 Nahajanje ty isaky reo ze voatombo-kase raho: 144, 000, ro voatombo-kase bak'amy ty foko ty ndaty israely iaby: 5 Roa arivo naho ray ale ro voatombo-kase bak'amy ty foko ndre Joda, roa arivo naho ray ale bak'amy ty foko ndre Robena, roa arivo naho ray ale bak'amy ty foko ndre Gada, 6 roa arivo naho ray ale bak'amy ty foko ndre Asera, roa arivo naho ray ale bak'amy ty foko ndre Naftaly, roa arivo naho ray ale bak'amy ty foko ndre Manase. 7 roa arivo naho ray ale bak'amy ty foko ndre Simeona, roa arivo naho ray ale bak'amy ty foko ndre Levy, roa arivo naho ray ale bak'amy ty foko ndre Isakara, 8 roa arivo naho ray ale bak'amy ty foko ndre Zebolona, roa arivo naho ray ale bak'amy ty foko ndre Josefa, vaho roa arivo bak'amy ty foko ndre Josefa, vaho roa arivo naho ray ale bak'amy ty foko ndre Benjamina ro voatombo-kase. 9 Tafara reo raraha reo le nagnete raho, vaho ty nisy ndaty maro bey ze tsy vatse isafe--- bak'amy ty firenena, foko, ndaty, vaho firehake iaby---- nitsanga teo agnoloa ty Anak'aondre. Nanao akanjo lava fote naho mitanjake sampan-drofia tegne amy ty tagna iareo, 10 vaho nikaike mafe tamy ty feo mahere iareo nanao tihoe: "Ty famonjea le ahy ty Andragnaharentika ze mitoboke eo ambone ty seza fanapaha, naho ahy ty Anak'aondre!" 11 Ty anjele iaby nitsanga magnodide ty seza fanapaha naho magnodide reo ndaty bey naho ty seza zaka-manam-piay efatse, vaho iareo le nampiankohoke ty vata iareo teo agnoloa ty seza fanapanaha. Nivavaka tamy ty Andragnahare iareo 12 nanao tihoe: "Amena! Dera, voninahitse, fahendrea, fisaora, fahef, vaho ty here ho ahy ty Andrgnaharentika zisikam-parane doria! Amena!" 13 Bak'eo ty raeke tamy reo ndaty bey nagnontane ahike tihoe: "Iareo, misike akanjolava fote, vaho bak'aia iareo?" 14 Nanao tihoe raho tamine: "Tompoko, Riha mahay," vaho nanao tihoe reke tamiko: "Reo ro hiboake bak'amy ty Fahoria Bey. Nisasa iareo ty akanjolane vaho nifotia tamy ty lio ty Anak'aondre. 15 Noho zay antone zay, le eo agnoloa ty seza fanapaha ty Andragnahare iareo, naho mivavake amine andro amy ty halike ao amy ty tempole. Ty raeke ze nitoboha teoa amy ty seza fanapaha le hamelatse ty laine amy iareo. 16 Tsy ho kere sase iareo, na harandrano ndraeke. Tsy hamofoke aze ty masoandro, na ty hafana magnoro. 17 Te ty Anak'aondre eo ampagnivoa ty seza fanapaha ro ho mpiandre aiereo naho hitarike lala aiereo agne amy ty vavarano ty rano velo, vaho hofafa ty Andragnahare ty ranomaso iaby amy ty maso iareo."



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 8

[1]Lafa nivaha iaze Anak'aondre ty tombo-kase fahafito, le nisy fitsigna tagne an-dagnitse teo amy ty antsasake lera
teo. [2]Ave eo le hisake reo anjele fito ze nitsanga teo agnoloa ty Andragnahare, vaho nomeine trompetra fito iareo.
[3]Nisy anjele hafa avy, nitajake finga volamena fagnoroa liten-ketae magnitse, nitsanga teo ambone ty alitara.
Liten-ketae magnitse maro ro nomea aze soa hagnomezane zay miarak'amy ty vavake ty mpino iaby eo ambone
ty alitara volamena fagnoroa liten-ketae magnityse eo agnoloa ty sezam-boninahitse. [4]Ty setro iaze liten-ketae
magnitse, miarak'amy ty vaveky reo mpino, le nniakatse teo agnolo ty Andragnahare bak'amy ty tagna ty anjele.
[5]Nangalake iaze finga fagnoroa liten-ketae magn itse iaze anjele vaho nameno zay tamy ty afo bak'eo amy ty
alitara. Bak'eo natorane tamy ty tane zay, vaho nisy hotro-baratsy, hotroke, helatse, vaho horohoron-tane.[6]Reo
anjele fito ze nana reo trompetra fito le nioma hitioke zay. [7]Nitioke ty trompetrane iaze anjele voalohane, vaho
nisy havandra naho afo miharo lio. Natorake tatoy an-tane zay soa ho may ty ampahatelo zay, may ty ampahatelo
ty hetae, vaho may iaby reo akata-maintso. (Fagnamariha: Ty ilane amy reo dikan-tene taloha le manangalake ty
tihoe: "soa ho may ty ampahatelo zay.")[8]Nitioke ty trompetrane iaze anjele faharoe, vaho nisy raraha manahake
ty vohitse befoloay nirehitse ty afo natorake tagne an-dranomasy. Lasa lio ty ampahatelo ty ranomsy, [9]maty ty
ampahatelo ty zaka-manam-piay tao an-dranomasy, vaho rava ty ampahatelo reo sambo.[10]Nitioke ty trometrane
iaze anjele fahatelo, vaho nisy vasia befoloay bak'agne an-dagnitse, mirehitse manahake ty jiro, tamy ty
ampahatelo reo sihanake naho vavarano. [11]Zaka-mafaitse ro agnara iaze vasia. Lasa nafaitse ty ampahatelo iaze
raho, vaho ndaty maro ro mate tamy iaze rano ze lasa nafaitse.[12]Nitioke ty trompetrane iaze anjele faha-efatse,
vaho niova ty ampahatelo ty masondro, mahanake ty ampahatelo ty vola naho ty ampahatelo ty vasia. Noho zay
le lasa mainte ty ampahatelo reo; tsy nisy hazava ty ampahatelo ty andro naho ty ampahatelo ty halike.[13]Nagnete
raho, vaho nahajanje voro-mahare ze nitily tegne ampagnivoa ty lagnitse, nikaike tamy ty feoa afe tihoe: '"Loza,
loza, loza, ho ahy reo ze mitoboke egne amy ty tane, noho ty feo ty trompetra sisa ze fa ho tiofy reo anjele telo."

 generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 9

[1]Nampagneno ty trompetra ty anjele fahadime. Nahisake vasia bak'agne an-dagnitse raho ze nilavo tegne amy ty
tane. Iaze vasia ro nomea ty lakile iaze lavake tsy hisake ty farane. [2]Nisokafane iaze lavake tsy hisake ty farane,
vaho niakatse ty setroke niboake tao amy ty lavake manahake ty setroke bak'amy ty laforo bey. Nivalike maloke
ty masoandro naho ty tioke noho ty setroke niboake tao an-davake.[3]Bak'amy ty setroke ro niavia reo valala teto
ambone ty tane, vaho nomey here manahake ty ahy ty maingoke teto ambone ty tane iareo. [4]Nitsaray iareo tsy
hanimba ty akata teto ambone ty tane na reo zaka-mitiry maitso na hetae, te reo ndaty ze tsy mana tombo-kase ty
Andragnahare eo amy ty handry iareo avao.[5]Tsy nahazo alala ty hamono reo ndaty reo iareo, te hampijale aiereo
agnate ty dime vola avao. Ty fanaintaigne iareo le hanahake ty tsindro ty maingoke lafa mamofoke ndaty. [6]Amy
reo nadro reo le hipay fahafatesa ty ndaty, te hahisake zay. Hagniry ty ho mate mafe iareo, feie hilay aiereo ty
fahafatesa.[7]Manahake ty soavale nomane tamy ty ale reo valala. Tamy ty loha iareo le nisy rahaha manahake ty
satro-boninahitse volamena, vaho ty vata iareo le manahake ty vata ty ondaty. [8]Nana volo manahake ty volo ty
ampela iareo, vaho ty nify iareo le manahake ty nify ty reo liona. [9]Nana fiarovan-tratra manahake ty feo ty sarete
naho soavale maro milailay ho agne amy ty ale.[10]Nana rambo nisy fanomboha manahake ty maingoke iareo; ao
amy ty rambo iareo ro misy ty here hanimba ty ndaty agnate ty lime vola. [11]Nana mpanjaka iareo le iaze anjele
iaze lavake tsy hisake ty farane, vaho ty agnarane tamy ty tsara Hebreo le Abadona, vaho ty tahinane tamy ty
tsara grika le re Apolyona. [12]Lasa ty loza voalohane. Ingo! afara zao le mboe hisy loza roe ho ave.[13]Nampagneno ty
trompetrane iaze anjele fahaene, vaho naheno ty feo niboake tamy ty tsifa ty alitara volamena ze fa nisy teo
agnatreha ty Andragnahare raho. [14]Vaho nitsara tamy iaze anjele fahaene iaze feo manao tihoe: "Avotoro reo
anjele efatse ze mifehy agne amy iaze vavaranobey ty Eofrata." [15]Reo anjele efatse ze fa nomane tamy zay lera
zay, zay andro zay, zay vola zay, voha zay tao zay, le navototse soa hamono ty ampahatelo ty ondaty.[16]Ty isagn'ireo
miaramila nijo soavalle le 200, 000, 000. Nahajanje reo isake reo rahi. [17]Manahake zay ro fomba nahisahako reo
soavale tao amy ty fahisahako naho reo ze nijo te am'iareo: Reo firavo ty aragna iareo le mirehitse mena, manga
antitse vaho solifara mavo. Nitove tamy ty loha reo liona ty loha reo soavale, vaho ty niboake bak'ao am-bava
iareo le afo, setroke, vaho solifara.[18]Vaho ty ampahatelo reo ndaty le maty reo loza telo: ty afo, ty setroke, vaho
solifara ze niboake bak'ao am-bava iareo. [19]Te ty here reo soavale rambo iareo - te ty rambo iareo le manahake ty
bibiliva, vaho nana loha ze afake mandrotse ndaty iareo.[20]Ty ambone reo ondaty, reo ze tsy mate reo loza reo, le
tsy nibebake tamy ty asa ze vita iareo, na nijano nanompo reo demone naho sampe volamena, volafote, saba,
vato, vaho hetae- reo raraha ze tsy hisake maso, janje, na madeha. [21]Iareo le mboe tsy nifona tamy ty asa
famonoa, ty fagnosavia iareo, ty fijangajanga na reo asa fangalara iareo.

## Chapter 10

1 Bak'eo raho lenahisake anjele mahre hafa nnizotso bak'agne an-dagnitse. Tao ampo hiboke reke, vahonisy avana
teo ambone ty lohane. Ty tarehhine le mitove masoandro vaho ty tombone le manahake ty fiankina afo. 2 Mitajake
horon-taratasy kele mivelatse amy ty tagnane reke, vaho mampitoboke ty tombone havana amy ty ranomasy
naho ty tombone havia amy ty tane. 3 Bak'eo reke le nikoike tamy ty feo amfe manahake ty fierotse tyy liona. Lafa
nikoike reke, le nangotroke mafe tamy ty feone ty hotroke fito. 4 Lafa nangotroke ty hotroke fito, le teo andalam-
pagnorata raho, te nahajanje feo bak'agne an-dagnitse raho nitsara tihoe: "Tano ho tsiambaratelo ze nitalily ty
hotroke fito. Ko sorata zay." 5 Bak'eo iaze anjele hisako nitsanga teo ambone ranomasy naho teo amy ty tane,
nanondrotse ty tagnane havana tagne an-dagnitse. 6 Reke nifanta tamy iaze raeke ze velo zisikam-parane doria, ze
namoro ty lagnitse naho ze iaby ao ampo zay ty tane naho ze iaby ao ampo zay, vaho ty ranomasy naho ze iaby
ao ampo zay, vaho iaze anjele nitsara tihoe: "Tsy hisy fandignasa sase. 7 Te amy ty andro raeke lafa hampagneno ty
trompetrane ty anjele fahafito, le ho tanterake ty mistery ty Andragnahare, manahake ty nagnambarane tamy
reo mpitoke mpiasane." 8 Iaze feo ze janjiko bak'agne an-dagnitse nitsara tamiko ndraeke tihoe: "Mandena, alao
iaze horon-taratasy mivelatse ze agne an-tagna iaze anjele mitsanga eo ambone ranomasy naho ambone ty tane."
9 Bak'eo le lasa nandeha agne amy iaze anjele raho vaho nitsara tamine soa hagnome ahike iaze horon-taratasy
kele. Nanao tihoe reke tamiko: "Rambeso ty horon-taratae vaho hano. Hampafaitse ty ao an-kibonao zay, te ao
am-bavanao le ho mame manahake ty tantele zay." 10 Nalako tamy ty tagna iaze anjele iaze horon-taratase kele
vaho nihaniko. Mamy manahake ty tantele tao am-bavako zay, te tafara ty nihinanako aze, le lasa nafaitse ty tao
an-kiboko. 11 Bak'eo nisy ndaty raeke nirehake tamiko tihoe: Tsy maintse mitoke ndraeke riha mikasike reo ndaty
maro, reo firenena, reo fitene, vaho reo mpanjaka."

Chapter 11

[1]Nomena volotara soa ampiasay manahake ty fitogno raho. Nitalily tamiko tihoe: "Mitsangana vaho metaro ty
tempoly ty Andragnahare naho ty alitara, vaho reo ze mivavake ao. [2]Te ko metare ty tokontane eo imbalike ty
tempole, te nomena ahy reo Jentilisa zay. Hagnitsake ty tanà masy agnate ty roa amby efapolo vola iareo.
[3]Homeiko reo vavolombelo roe ty fahefa hitoke agnate ty 1, 260, nisike lamba fisaogna." [4]Reo vavolombelo reo le
hetae ty oliva roe naho ty fitobohan-jiro roe ze nitsanga teo agnatreha ty Tompi ty tane. [5]Laha misy ndaty mifile
handratse aiereo, le miboake afo ty vava iareo le hihina reo fahavalo iareo. na ia na ia magniry ty handratse
aiereo le tsy maintse hovonoa amy zay fomba zay.[6]Reo vavolombelo reo le mana fahefa hagnile ty lagnitse soa tsy
hilatsaha ty ora agnate ty andro hitokia iareo. Manampahefa iareo hagnova ty raho ho lio naho hamofoke ty tane
amy ty karaza loza iaby na ombia na ombia iry iareo. [7]Lafa ho vita ty fijoroa iareo vavolombelo, le miakatse
bak'agne ampo lavake tsy hisake ty farane iaze bibily hiale hanohitse aiereo. handrese aiereo Reke vaho hamono
aiereo.[8]Hiampatse egne amy ty lala ty tanàm-bey ty faty iareo (ze kinaike avao kea tihoe Sodoma naho Egypta) ze
namantsiha ty Tompo iareo. [9]Hivamba ty faty iareo agnate ty telo andro naho tapane ty ndaty, ty foko, firehake,
vaho ty firenena iaby. Tsy ho ampo iareo apoke ao am-balavato reo.[10]Reo ze miay eo ambone ty tane le hifale amy
iareo vaho hankalaza. Hifandefa fagnomeza zaokea iareo naho nampijale reo ze miay ambone ty tane reo
mpitoke roe reo. [11]Te afake telo andro naho tapane le hizilike ao amy iareo ty fofom-piay bak'amy ty
Andragnahare, vaho hitsanga amy ty tombone iareo. Hipoke amy reo ze mahisake aiereo ty tahotse bey. [12]Bak'eo
le haheno feo mafe bak'agne an-dagnitse iareo mirehake aiereo tihoe: "Miakara eto!" Bak'eo le hiakatse ho agne
an-dagnitse aoa ampo hiboke iareo, laha mboe magnete tagne reo fahavalo iareo.[13]amy zay lera zayt le hisy
horohoron-tane mafe, vaho hirotsake ty ampahyafolo ty tanà. Fito arivo ty ndaty ho mate amy iaze
horohorontane, vaho hatahotse reo ndaty sisa tsy mate vaho hagnome ase ahy ty Andragnahare ty lagnitse. [14]Lasa
ty loza faharoe. Ingo! avy malake ty loza fahatelo.[15]Bak'eo le nampagneno ty trompetrane ty anjele fahafito, vaho
nisy feo mafe nitsara tagne an-dagnitse nanao tihoe: " Ho lasa fanjaka ty Tompontika naho ty Kristy ty fanjaka
zao tontolo zao. Reke ro hanjaka zisikam-parane agne."[16] Bak'eo reo ndaty bey efatse ambe roapolo ze nitoboke
teo amy ty seza fanapaha iareo teo agnatreha ty Andragnahare le nampihohoke ty vata iareo. Nankalaza ahy ty
Andragnahare iareo. [17]Nanao tihoe iareo: "Magnome fisaora Anao zahay, Tompo Andragnahare, iaze amy henane
zao naho taolo, satria nangalake ty herenai befoloay riha vaho nanomboke nanjake. (Fagnamariha: Ty ilane amy
reo dikan-tene taolo le mivake tihoe: Ty mpanapake ty iaby, iaze henane zao naho taolo, vaho iaze ho ave, te ty
dikan-tene amy andro zao tsy manahake zay.)[18]Nasiake mafe reo firenena, feie ave ty siakinao. Ave ty andro
hitsara ty mate naho hamalianao soa reo mpitoke mpiasanao, reo ze mpino, naho reo ze natahotse ty tahinanao,
na handravanao reo ze manimba y tane."[19]Bak'eo le nisokatse ty tempole ty Andragnahare an-dagnitse vaho
hisake ty fiara ty fagnekene ao ampo ty tempoline. nisy tsela-pahazava, hotroke, hotrokora, horohorontane, vaho
havandra bey tao.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 12

[1]Famantara foloay ro hisake tagne an-dagnitse: Ampela nisike ty masoandro, vaho ty vola teo ambane ty
tombone, vaho ssabaka ty vonihaitse vita amy ty vasia roa amby ty folo ro te amy ty ambonine. [2]Bevoka reke,
vaho nikoike mafe te fa hisamake, ao ampo ty fihetsehan-jaza.[3]bak'eo nisy famantara hafa nimboake tagne an-
dagnitse: Ingo! Nisy drago mena goavam-bey ze nana loha fito naho tandroke folo, vaho nisy satro-boninahitse
fito teoamy reo lohane. [4]Ty solone le nipaoke tyu ampahatelo ty vasia tagne a-dagnitse naho nanorake aiereo
tegne amy ty tane. Iaze drango nitsanga teo agnoloa iaze ampela ze fa ho terake, le lafa terake reke, le afake
hagnampake ty anane reke.[5]Niterake ajajalahy reke, ze hanapake ty firenena iaby miarake amy ty fitogno vy. Ty
anane le nala an-kere ho agne amy ty Andragnahare naho eo amy ty seza fanapahane, [6]vaho iaze ampela le nilay
nandeha agne amy ty tane tsy misy raraha, ze nisy teora fa nomane ty Andragnahare ho aze, le ho voakarakara
agnate ty 1260 andro reke.[7]vaho nisy ale tagne an-dagnitse. Mikaela naho reo anjeline le niale tamy iaze drago;
vaho iaze drago naho ty anjeline le namale ale. [8]Te tsy le natanjake iaze drago le tsy naharese. Kea tsy nisy toera
ho aze naho reo anjeline sase tagne an-tagnitse. [9]Iaze drago bey__ ze manera taolo kinaike tihoe devole na Satana,
iaze namitake ahy zao tontolo zao__le natorake tegne ambone ty tane, vaho reo anjeline le natorake niarake
tamine.[10]Bak'eo nahajanje feo mafe bak'agne an-dagnitse raho: "Henane zao le avy ty famonjea, ty here, ty
fanjaka ty Andragnaharentika vaho ty fafeha ndre Kristine. Te ty mpitanjake ty rahalahintika le natorake tagne
ambane, iaze rake ze mitajanke aiereo andro amy ty halike eo agnatreha ty Andragnaharentika.[11]Iareo le
naharese aze tamy ty lio ty Anak'aondre naho tamy ty fitsangana iareo vavolombelo, te tsy nankamame ty fiaine
sase iareo na ho mate kea. [12]Noho zay, mifalea, nareo lagnitse, naho ze iaby mitoboke ao amine. Te mitaoa ty amy
ty tane naho ty ranomasy ty amy ty tane naho ty ranomasy satria ty devole le nizotso tegne aminareo. Feno siake
reke, satria haine te fotoa fohike sisa ro hanagnane.[1313]Lafa nahay iaze drago te nalavo tamy ty tane reke, le
nagnenjike iaze ampela niterake ajajalahy reke. [14]Te iaze ampela le nomea elatse roa ty voromahre bey, le afake
nitily nandeha agne amy iaze toera nikarakaray ho aze tagne amy ty tane tsy misy raraha. Io iaze toera hitsilova
aze, agnate ty telo tao nao tapane__ soa tsy ho hisa iaze menara.[15]Namoake rano manahake ty varavarano tamy ty
vavane iaze menara, ze hifaoke ampela igne. [16]Te ty tana nagnampe ampela igne. Nisokafa ty tane ty vavane vaho
nateline ty riake ze naboaky ty vava iaze drago. [17]Vaho nasiake tamy ty ampela iaze drago le niala vaho nipay ale
tamy ty ambine reo taranane, ze magnina ty lily ty Andrgnahare vaho mita ty fitsangana vavolombelo mikasike
ahy ndre Jesosy. [18]Bak'eo nitsanga teo ambone ty fasike ty ranomasy iaze drago.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 13

[1]Vaho nahisake bibi-ly raho niakatse bak'amy ty ranomasy. Nana tsifa folo zay vaho loha fito. Teo amy ty tsifane le
nisy diadema folo, vaho teo amy ty lohane le nisy agnara firehafa rate iaby. [2]Iaze bibi-ly ze hisako le manahake ty
leoparda. Ty tombone le manahake ty tombo bera, vaho ty vavane le manahake ty vava ty lione. Iaze drago
nagnome aze ty herene, ty seza fanapahaner, vaho ty fahefane bey hanapake.[3]Ty loha iaze bibi-ly raeke le
manahake fa mate, feie afake iaze saike nahafate aze. Vaho vere ty tane iaby le nagnarake iaze bibi-ly. [4]Vaho le
nihohoke kea teo amy iaze drago iareo, satria reke ro nagnome ty fahefane ho ahy ty bibi-ly. Nihohoke teo amy
iaze bibi-ly, kea, iareo, vaho nitsara tihoe: "Ia ro manahake ty bibi-ly?" vaho "Ia ro afake miale amine?"[5]Nomea
vava ze afake mitsara firehareaha naho rehake rate iaze bibi-ly. Nomea ala reke soa hampihatra fahefa agnete ty
efats'amby efapolo vola. [6]Vaho nanokatse ty vavane hirehake rate ahy ty Andragnahare iaze bibi-ly: nirehake rate
ty tahinane, ty toera ze hitobohane vaho reo ze mitoboke ao an-dagnitse.[7]Napoke hiale tamy reo mpino vaho
handrese aze reo bibi-ly. Vaho kea, ty fahefa le nomea aze manera ty arofoko, ty ndaty, ty firehake, vaho ty
firenena iaby. [8]Hihohoke eo amine reo iaby ze mitoboke ambone ty tane, reo ze tsy voasoratse agnara, agnate ty
fanapaha zao tontolo zao, ao amy ty Boky ty Fiaigna, ze ahy ty Anak'aondre, ze fa nivonoa.[9]Laha misy manan-
tsofe, lonike reke hijanje. [10]Laha misy nalay ho rese, le handeha amy ty faharesea reke. Laha misy nivonoa tamy
ty meso, amy ty meso ro hamonoa aze. Toy ro kaike antsi ho ahy ty fahareta vaho finoa ho ahy reo ze masy.[11]Vaho
nahisake bibi-ly hafa raho niakatse bak'amy ty tane. Zay le nana tsifa roa manahake ty anak'aondre, vaho
nirehake manahake ty drago. [12]Nampiharine iaby ty fahefa iaby ahy iaze bibi-ly voalohane ei agnatrehane, vaho
ty tane naho reo ze mitoboke eo amine le ataone mihohoke eo amy iaze bibi-ly voalohane__iaze raeke ze afake
tamy ty fere ho nahafate aze.[13]Namboatse haveregna maro befoloay reke. Nampizotso afo bak'agne an-dagnitse
ho amy ty tane teo agnoloa ty ndaty. [14]Tamy ty alala ty famantara le nomea alala anao zay, namitake ahy reo ze
mitoboke ambone ty tane zay. Nitsara tamy iareo zay soa hagnamboatse sare ho hasy ty bibi-ly ze voaratse ty
meso feie velo.[15]Napo asia fiay ty sare ty bibi-ly soa ahafaha iaze sare mirehake vaho ze iaby tsy magnina
mihohoke amy iaze bibi-ly le nivonoa. [16]Nanere ty kiraikiraike avao kea zane, na ty kele naty bey, na ty
manankanagna na ty mijale, na ty tsy andevo na ty andevi, le mandrambe ty marike eo amy ty tagna ankavana
na eo amy ty andrine. [17]Tsy hisy ndaty mahazo mivily na mivarotse mandra-pahazone ty marike ty bibi-ly, zay le
ty isa ty fanehoa ty agnarane.[18]Zay le mitake fahendrea. Laha misy ndaty manan-tsay, lonike reke hagnisake ty isa
ty bibi-ly. Te zay le isa ty ndaty. Zay isa zay le 666.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

# Chapter 14

[1]Nagnete raho vaho nahisake ty Anak'aondre nitsanga teo amy ty vohotse Ziona. NIarake tamy reo 144. 000 ze
nana ty agnarane naho agnara ty Raene voasoratse eo amy ty handry iareo. [2]Nahajanje feo bak'agne an-dagnitse
manahake ty firohondroho ty rano maro naho hotroe mafe raho. Ty feo janjiko avao kea le manahake mpititike
lokanga mititike ty lokangane.[3]Niantsa antsa vaovao teo agnoloa ty seza fanapaha naho reo agnolo reo zaka-
mana-piay efatse naho reo ndaty bey iareo. Tsy nisy na ia na ia afake nianatse ty hira ankoatse reo 144.000 ze
niviline bak'eto an-tane avao. [4]Reo le ndaty ze tsy mandoto ty vata iareo tamim-behivave, te nitajake ty vatane
malio ara-nofotse iareo. Zay le ze magnarake ty Anak'aondre na aia na aia andenane. Iareo regne le nivile
bak'amy ty ondaty manahake ty voaloham-bokatse ho ahy ty Andragnahare naho ho ahy ty Anak'aondre. [5]Tsy
nisy vande hisake teo amy ty sogn'iareo, tsy manan-tsikone iareo. [Fagnamariha: Ty dikan-tene ilane magnampe
tihoe: "teo agnoloa ty seza fanapaha ty Andragnahare"][6]Nahisake anjele hafa nitile ambone raho, ze nana ty
hafatse zisikam-parane ty vaovao mahafale hatalily amy reo ze miay ambone ty tane amy ty firenena, foko,
firehake, vaho ty ndaty iaby. [7]Nikaike tamy ty feoa mafe reke tihoe: "Matahora ahy ty Andragnahare vaho
magnomeza asy Aze. Te avy ty lera ty fitsarane. Mivavaha Amine, ty raeke ze nanao ty lagnitse, ty tane, ty
ranomasy, vaho ty vavarano."[8]Nisy anjele hafa- ty anjele faharoe-nagnarake nitsara tihoe: "Nilavo, nilavo ty
Babylona befoloay, ze nandrese lahatse reo firenena iaby soa hino ty divay ty fitondran-tena malotone."[9]Nisy
anjela hafa- anjele fahatelo- nagnarake aiereo, nitsara tamy ty feo mafe tihoe: "Laha misy mivavake amy ty bibily
naho ty sarine, vaho mandrambe ty marike eo amy ty handrine na eo amy ty tagnane, [10]le hino ty ilane amy ty
divay ty fahasiaha ty Andragnahare avao kea reke, diava tsy niharo ze nirorse tao ampo ty kapoake ty siakine. Ty
Ndaty ze mino zay le hampijale amy ty afo naho solifara eo agnoloa reo anjele masy ty Andragnahare naho eo
agnoloa ty Anak'aondre.[11]TY setroke bak'amy ty fijalea iareo le miakatse zisikam-parane agne, vaho tsy manam-
pinjanogna andro naho hallike iareo- reo mpiasa ty bibily naho ty sarine reo, vaho ty ndaty iaby ze mandrabe ty
marike ty agnarane. [12]Toy le kaike ho ahy ty fahareta maharitse reo ze masy, reo ze magnina reo lily ty
Andragnahare vaho matoke ahy ndre Jesosy[13]Nahajanje feoa bak'agne an-dagnitse raho nitsara tihoe: "Sorato zao:
Vototse ty mate ze mate ao amy ty Tompo," nanao tihoe ty Fagnahy, "soa ahazahoa iareo mitofa amy ty asa iareo,
te vita iareo le hagnarake aze reo."[14]Nagnate raho, vaho nisy hiboke fote. Nitoboke teoa amy ty hiboke ty raike
manahake ty anaka ndaty. Nana satro-boninahitse volamena teo amy ty agnambone naho fimbira maragnitse
egne an-tagnane reke. [15]Le nisy anjele hafa niboake ty tempole vaho nikaike tamy ty feo mafe ahy iaze mitoboke
eo amy ty hiboke nanao tihoe: "Rambeso ty fimbiranao le manomboha mimbira. Te avy ty fotoa himbira, satria
masake ty vokatse ty tane." [16]Vaho ty raike ze nitoboke teo amy ty hiboke nampandroso ty ty fimbirane teto an-
tane, le nimbira ty tane.[17]Nisy anjela hafa niboake bak'ao an-tempole tagne an-dagnitse; nana fimbira maragnitse
avao kea reke. [18]Mboe nisy anjele hafa kea niboake ty alitara fagnoroa liten-ketae magnitse, ze nana fahefa amy ty
afo. Nikaike tamy ty feo mahere ahy iaze reo ze nana fimbira maragnitse reke tihoe: Rambeso ty fimbiranao
mnaragnitse vaho avorio reo sampahom-boaloboke bak'amy ty voaloboke ty tane, te reo voaloboke le famasake
zao."[19]Nampandroso ty fimbirane tamy ty tane iaze anjele vaho namore ty vokatse ty voaloboke ty tane. Natorane
tao ampo ty fananignam-boaloboke befoloay ty siaky ty Andragnahare zay.[20] Ty fananignam-boaloboke le liniane
tagne ambalike ty tanà, vaho ty lio le nirarake bak'ao amy zay le avy hatregne amy ty haambo ty lamboridin-
tsoavale, ze 1. 600 kilometatse.

Chapter 15

[1]Bak'eo le nahisake famantara hafa tegne amy ty lagnitse raho, befoloay naho mahavere: Nisy anjele fito miarake
amy ty loza fito, ze loza farane mare, te amy iareo ro hahatanterake ty siaky ty Andragnahare.[2]Nahisake ze
niboake tamy ty ranomasy fitaratse nampiarahy tamy ty afo raho. Nitsanga teo agnila ty ranomasy reo ze
nandrese ahy iaze bibily naho ty sarine, naho ty isake mampiseho ty agnarane. Iareo le nitajake harpa nomea ty
Andragnahare aiereo.[3]Iareo niantsa ty antsa ndre Mosesy, iaze mpiasa ty Andragnahare, ty antsa ty Anak'aondre
tihoe: "Bey naho mahavere reo asanao, Tompo Andragnahare, iaze ambone loatse. To naho mahite reo lalanao,
Mpanjaka reo firenena. [4]Ia ro tsy hatahotse Anao, Tompo, naho hagnome asy ty tahinanao? Te Riha arere ro
mase. Ty firenena iaby ho ave naho hivavake eo agnatrehanao satria reo asanao to le fa natalile."[5]Tafara reo
raraha reo raho le nagnete, vaho nisokatse tegne amy ty lagnitse iaze tempole ze mana lay fitsangana
vavolombelo. [6]Niboake bak'ao amy iaze toera mase loatse reo anjele fito mitajake reo loza fito. Iareo le miakanjo
malio, lamba riongone mamiratse naho misy fehin-kibo volamena magnodide ty aragna iareo.[7]Raeke tamy reo
zaka-mana-piay efatse nagnome ahy reo anjele fito finga volamena feno ty siaky ty Andragnahare, iaze velo
zisikam-parane agne. [8]Feno setroke bak'amy ty hasy ty Andragnahare naho bak'amy ty herene ty tempole. Tsy
misy na ia na ia afake mizilike ao mandra-pahatanterake ty loza fito reo anjele fito.

Chapter 16

[1]Nahajanje feo mafe nikaike bak'ao an-tempole raho vaho nitsara tamy reo anjele tihoe: "Mandena vaho ailigno
amy ty tane reo feno ty siaky ty Andragnahare."[2]Lasa iaze anjele voalohane vaho nagnily ty tao am-pingane tamy
ty tane; fere rate naho maharare ro avy tamy ty ndaty ze nana ty marike ty bibi-ly, reo ze nankalaza naho sarine.
[3]Iaze anjele faharoe nandrarake ty tao am-pingane tamy ty ranomsy. Lasa lio zay, manahake ty lio ty ndaty mate,
vaho mate ty zaka-mana-piay iaby tao an-dranomasy.[4]Iaze anjele fahatelo nandrarake ty tao am-pingane tamy ty
sihanake naho vavarano, vaho lasa lio reo. [5]Janjiko ty anjele ty rano manao tihoe: "To Riha_ iaze henane zao naho
taolo, Iaze raeke Masy_ satria fa nitsara reo raraha reo Riha. (Fagnamariha: Ty horon-taratasy ilane taolo le
mamake tihoe" To Riha, Tompo_ Iaze henane zao naho taolo vaho ho ave, satria fa nitsara reo raraha rei Riha.")
[6]Satria ty lio reo mpino naho mpitoke ro napo iareo, le nameanao lio hinome iareo; zay ro maeva aiereo." [7]Janjiko
ty alitara namale tihoe: "Eka, Tompo Andragnahare bey, reo fitsaranao le to naho mahite."[8]Iaze anjele fahaefatse
nandrarake ty tao am-pingane tamy ty masoandro, vaho nahazo alala hagnoro ty ndaty amy ty afo zay. [9]May iaze
hafana bey iareo, vaho nitsara rate ty tahina ty Andragnahare, ze mana ty fahefa amy regne loza regne. tsy
nifona iareo na nagnome hasy Aze.[10]Bak'eo iaze anjela fahadime nandrarake ty ta am-pingane tamy ty seza
fanapaha iaze bibi-ly, vaho nandrakotse ty fanjakane ty ike. Niota ty lelane iareo noho ty fijalea. [11]Nirehake rate
iaze Andragnahare ty lagnitse iareo noho ty fahoria naho fere iareo, vaho mboe nandà ty hifona amy ze vita
iareo avao iareo.[12]Iaze anjele faha-ene nandrarake ty tao am-pingane tamy ty sihanake foloay, iaze Eofrata.
Nisoritine zay soa hagnomagna ty lala ho ahy reo mpanjaka ze ho ave agne antignana. [13]Nahisake fagnahy maloto
telo raho ze mitove saho miboake bak'agne am-bava ty drago, bak'agne am-bava ty bibi-ly, vaho bak'amy ty vava
ty mpitoke sandoke. [14]Te fagnahy ty demone manao famantara mahavere iareo. Nandeha agne amy reo mpanjaka
zao tontolo zao iareo soa hamore aiereo miarake ho ahy ty aly ty andro bey ty Andragnahare Abo loatse.[15]("Ingo!
Ave manahake ty mpangalatse Raho! Vototse ze miambe, miaro reo fisikinane soa tsy hiboake tsy miankajo reke
vaho hisa iareo ty fimegnarane.") [16]Nandese iareo niarake tagne amy ty toera ze nikaiha tihoe Hara-magedo amy
ty Hebreo iareo.[17]Bak'eo iaze anjele fahafito nandrarake ty tao am-pingane tamy ty lio. Vaho nisy feo mafe
niboake bak'ao an-tempole naho aze tamy ty seza fanapaha, manao tihoe: '"Vita zay!" [18]Nisy helatse, hotroke,
hotro-baratse, vaho horohorontane mafe_ horohoro-tane bey noho ze fa niseho hatramy ze nisia ty ndaty teto an-
tane, le mafe zay horohoron-tanezay. [19]Vake ho fizara telo iaze tanà bey, vaho rava ty tanà reo firenena. Ba'eop
Andragnahare nikaike soa hahatiaro ahy ndre Babylona bey, vaho nomeine zay tanà zay ty kapoake feno divay
vita bak'amy ty firehata ty siakine.[20]Nanjavo ty nose iabe, vaho tsy hisake sase reo vohitse. [21]Nisy havandra bey,
milanja eo amy ty talenta raeke eo, nizotso bak'agne an-dagnitse ho amy ty ndaty. Namatse ahy ty Andragnahare
iareo noho ty loza bak'amy ty havandra satria vatane mnafe loatse zay loza zay.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 17

[1]Raeke tamy reo anjele fito ze nitajake reo finga volamena fito namonje naho nitsara tamiko tihoe: "Avia, ho
asehoko anao ty saze ty mpijangajanga bey ze mitoboke ambone rano maro. [2]Niarake tamine ro nampijangajanga
ahy reo mpanjaka ty tane. Ty divay ty fijangajangane ro nahamamo reo vahoake ty tane."[3]Bak'eo iaze anjele
nanday ahike tamy ty fagnahy tagne amy ty tane maike, vaho nahisake ampela mitoboke teo ambone bibi-ly le
mana loha fito naho tsifa raho. Iaze bibi-ly le mana loha fito naho tsifa folo. [4]Iaze ampela le niakanjo voloparasy
naho mena vaho voaravake volamena, vato lafovily, vaho vato soa. Reke le nitajake tamy ty tagnane kapoake
volamena feno reo raraha mamparihy naho rei tsy fahaliova ty fijangajangane. [5]Teo amy ty handrine ro nisy
agnara mana dikane mivone voasoratse tihoe: "Babylona bey, iaze rene reo mpijangajanga naho ty raraha
mamparihy ty tane."[6]Nahisake raho iaze ampela le mamo ty lio reo mpino naho ty lio reo martiora ho ahy ndre
Jesosy. Lafanahisake aze raho, l;e vantane vere. [7]Te iaze anjele nitsara tamiko tihoe: "Magnono ro vere riha?
Hazavaiko anao ty dika iaze ampela naho iaze bibi-ly ze manday aze, iaze bibi-ly ze mana loha fito naho tsifa
folo.[8]Iaze bibi-ly ze hisanao le misy, te tsy misy henane zao, te andalam-piakara bak'agne amy ty farane ambane
ty lavake tsy hisake ty farane. Bak'eo le handeha agne amy ty fahasimba zay. Reo ze miay ambone tane, reo ze tsy
voasoratse ao amy ty Boky ty Fiaigna hatramy ty ty namoro ahy zao tontolo zao ty agnarane- ho vere iareo lafa
hahisake te iaze bibi-ly le misy, te tsy misy sase henane zao, te andalam-pilongoa.[9]Mikaike say ze manam-
pahendrea zay. Reo loha fito le vohitse fito ze hitoboha iaze ampela. [10]Iareo avao kea le mpanjaka fito. Mpanjaka
lime ro lavo, raeke ro misy , vaho ty hafa le mboe tsy ave; lafa ave reke, le fe-potoa kele avao ro hitobohane.[11]Iaze
bibi-ly ze misy, te tsy misy henane zao mpanjaka fahavalo reke;feie raeke amy reo mpanjaka fito reke, vaho
handeha agne amy ty fahasimba.[12]Reo tsifa folo ze hisanao le mpanjaka folo ze mboe tsy nandrambe fanjaka, te
hahazo fahefa manahake ty mpanjaka miarake amy iaze bibi-ly agnate ty aline raeke iareo. [13]Firaisan-tsay zay,
vaho iareo le hagnome dty here naho ty fahefa iareo ahy iaze bibily. [14]Hampitsanga ale manohitse ty Anak'aondre
iareo. Te ty Anak'aondre ro handrese aiereo satria Reke ro Tompo ty tompo, vaho Mpanjaka ty mpanjaka-vaho
miarake amine reo voakaike, reo voafile, vaho reo manam-pinoa."[15]Nanao ty anjele tamiko: "Reo rano ze hisanao,
teo amy iaze nitobohane iaze mpijangajanga, ro ndaty fiaroha ty ndaty, firenena, vaho firehake.[16]Reo tsifa ze
hisanao- iareo naho iaze bibi-ly le halay ahy iaze mpijangajanga. Ho atao iareo lane naho tsy misike reke,
hanatake ty nofotsine iareo, vaho hagnoro aze tanterake amy ty afo. [17]Te Andragnahare fa nametrake zay tao
agn'arofo iareo soa hagnatanterake ty safirine amy ty fagneke iareo hagnome ty here iareo handay iaze bibi-ly
mandra-pahatanterake ty tsara ty Andragnahare.[18]Vaho ampela, iaze hisagnao ro tanà bey ze manjaka amy
mpanjaka ty tane."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 18

[1]Tafara reo raraha reo le nahisake anjele hafa ze nizotso bak'agne an-dagnitse raho. Nana fahefa bey reke, vaho
namirapiratse noho ty hasine ty tane. [2]Nikoike tamy ty feo mahere reke, nitsara tihoe: "Nilavo, nilavo iaze
Babylona bey! Lasa ave toeram-pitoboha ty demone, fitsoloha ho ahy reo fagnahy maloto naho marikoriko iaby.
[3]Te firenena iaby le nino ty divay ty fitondran-tegna malotone. Reo mpanjaka ty tane le nanao fitondran-tegna
maloto tamine. Reo mpivarotse ty tane le ave mpanan-kanagna tamy ty alala ty fomba fiaignane amy ty
nofotse."[4]Bak'eo le nahajnaje feo hafa bak'agne an-dagnitse raho mirehake tihoe: "Mialà amine, ndatiko, soa tsy
hahazoanareo reo lozane. [5]Fa nivore manahake ty ahabo ty lagnitse reo fahotane, vaho Andragnahare mahatiaro
reo asa ratine. [6]mamalea aze manahake ty namalea ty hafa, vaho valeo iaby roe ze fa vitane; tao amy ty fofoke ze
favitane; ta amy ty fofopke ze fa nofenoine, le feno ambo roe ho aze.[7]Manahake reke nagnome hasy ty vatane
naho niay tamy ty tsy fitsitsia, omeo aze ty fampijalea naho alahelo sahaza aze. Te reke nitalily tao am-pone
nanao tihoe: 'Nitoboke manahake ty mpanjaka ampela raho. Tsy mate vale raho, vaho tsy hisao zisikam-parane.'
[8]Noho zay le ho ave amy ty andro raeke reo arete-mandravane: ty fahafatesa, ty fisaogna, vaho ty kere. Horoa ty
afo reke, te ty Tompo Andragnahare le mafe, vaho reke ro mpitsara aze.[9]Reo mpanjaka ty tane ze nijangajanga
naho nandeha tsy am-pieretsereta niarake tamine le hitomagne vaho hihohoke eo agnatrehane lafa hahisake ty
setroke ty fandilovane iareo. [10]Hitsanga lavitse iareo, hatohatse ty fijaleane, hitsara tihoe: "Loza loza ho ahy iaze
tanà bey Babylona, iaze tanà mahere, te amy ty lera raeke le ho ave ty sazenareo."[11]Reo mpivarotse ty tane le
mitomagne naho misao ho aze, satria tsy nisy ndaty niale varotse ho aze sase- [12]varotse volamena, volafotse, vato
lafovile, firavake, lamban-drongone vantane soa, volomparse, lande, mena, reo karaza hetae ala, ty fanake
ivoara, ty fanake iaby vita bak'amy ty hetae lafo vily, samba, vy, marbra, [13]kanelina, zaka-magnitse, liten-ketae,
miora, hagnitse, divay, menake, koba soa lisa, vare, biby fiompe vaho aondre, soavale naho kalesy, reo andevo
naho fagnahy ty ndaty.[14]Ty vokatse ze teanao tamy ty herenao iaby le hiala aminao. Ty entanao lafovile naho reo
namirapiratse le nanjavo, vaho tsy ho hisake sase zisikam-parane.[15]Ty mpivarotse reo enta ze ave
mpanankanagna noho reke le hiala amine lavitse noho ty fatahora ty fijaleane, hitomagne naho hisaogne mafe.
[16]Hirehake iareo tihoe: "Loza, loza ho ahy iaze tanà bey ze niakanjo tamy ty lamban-drongone vantane soa,
volomparase, naho mena, vaho niravahane tamy ty volamena, firavake lafovile, vaho vatosoa! [17]Agnate ty ora
raeke le ho rava zay hanagna iaby zay. "Reo kapitenin-tsambo iaby, reo madeha egne ambone ty ranomase iabym
tantsambo, naho ze iaby mitoboke an-dranomase le hitsanga lavitse.[18]Nikoeke iareo laha vao nahisake ahy iaze
setroke ty fandilovane. Nirehake iareo tihoe: "Tanà ino ro hanahake ty tanà bey?" [19]Nanaroke lemboke tegne an-
dohane reke, vaho nikoike mafe, nitomagne, vaho nisao, nanao tihoe: Loza, loza ho ahy iaze tanà bey ze nisy ahy
reo iaby nana reo sambo an-dranomasy ro avy mpanan-kanagna bak'amy ty hanagnane. Te tao agnate lera raeke
le simba zay." [20]"Mifalea amine, lagnitse, nareo mpino, apostole, vaho mpaminane, te Andragnahare nanday ty
fitsaranarei tamine!"[21]Anjele mafe raeke nangalake vato manahake ty vato bey vaho nitorake zay tagne an-
dranomasy, vaho nitalily tihoe: "amy zay fomba zay, Babylona, iaze tanà bey, harava arahy herezaka, vaho tsy ho
hisake sae. [22]Iaze feo natao reo lokanga, mpitititke mosike, mpitioke sode, naho trompetra le tsy ho janje ao
aminao sase. Reo mpanao asa-tagna isan-karazane le tsy hisake ao aminao sase. Tsy hisy feo ty vato fikosoham-
bare ho reo sase eo aminao.[23]Ty fahazava ty jiro, le tsy hamirapiratse ao aminao sase. reo feo ty mpampakatse
naho ty ampakare le tsy ho janje ao aminao sase, te ty mpivarotsereo ro mpanjaka ty tane, vaho reo firenena le
voafitake tamy ty fagnosavianareo. [24]Tao amine ro nahisaha ty lio iaze mpitoke, naho reo mpino, vaho ty lio reo
iaby ze voavono tetop an-tane."


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 19

[1]Tafara reo raraha reo le nahajanje zay manahake tyy feo mafe ty vahoake maro isake tagne an-dagnitse raho
nanao tihoe: "Aleloia. Ty famonjea, ty hasy, vaho ty here le ahy ty Andragnaharentika. [2]Reo fitsarane le to naho
mahite, te nitsara ty mpivaro-tegna bey ze nanaratse ty tane tamy ty fijangajangane reke. Namale fate ty lio reo
mpiasane, ze napone reke."[3]Nirehake fagnindroane iareo tihoe: "Aleloia! Ty setroke le miakatse bak'amine
zisikam-parane agne." [4]Reo ndaty bey efats'ambe roapolo naho reo zaka-mana-piay efatse le nihohoke vaho
nanompo ahy ty Andragnahare ze nitoboke teo amy ty seza fanapaha. Nanao tihoe iareo: "Amena. Aleloia!"[5]Le
nisy niboake bak'ao tamy ty seza fanapahane, nanao tihoe: "Antsao Andragnaharentika, nareo iaby mpiasane,
nareo ze matahoatse Aze, na ty tsy manan-danja na ty mahere."[6]Le nahajanje zay ,anahake ty feo ty ndaty maro
isake, manahake ty firohondroho ty rano maro, naho mahake ty filavoa ty hotroke mafe raho, nanao tihoe:
"Aleloua! Te manjaka ty Tompo, Andragnahare ze manapake amy ty iaby.[7]Lonike tika hifale ho ravoravo vaho
hagnome hasy Aze satria ave ty fangalam-bale ty Anak'aondre, vaho ty alane fa nioma. [8]Nomea alala hiakanjo
lamba rongone mamiratse naho malio reke"( te ty lamba rongone le reo asa to reo ndaty mase.)[9]Iaze anjale
nitsara tamiko tihoe: "Sorato zao: Vototse reo ze nitalilia tamy ty fete fangalam-bale ty Anak'aondre. Nitsara
tamiko kea reke tihoe: "Reo le tsara to ty Andragnahare." [10]Nihohoke teo amy ty tombone soa hanompo azae raho,
te nanao tihoe reke tamiko: "Ko manao zao! Raho le le mpiara-manompo aminao nah reo rahalahinao ze
mitajake ty fijoroa vavolombelo mikasike ahy ndre Jesosy. Manompoa ahy ty Andragnahare, te ty fijoroa
vavombelo mikasike ahy ndre Jesosy le ty fagnahy ty fitokia."[11]Le nahisake ty lagnitse nisokatse raho vaho
nagnete le nisy soavale fote. Iaze mpinjo zay le kinaike tihoe mahatoke naho to. Amy ty fahamarigna ro hitsarane
naho hialiane. [12]Reo masone le manahake ty lelan'afo afo, vaho eo amy ty lohane m,isy satro-boninahitse mareo.
mana agnara voasoratse eo amine ze tsy misy mahay ankoatse reke avao reke. [13]Miakanjo akanjo lava natsoboke
tao amy ty lio reke, vaho ty agnarane le kinaike tihoe ty Tsara ty Andragnahare.[14]Reo tafike ty lagnitse le
nagnarake aze tamy ty soavale fote. miakanjo lamba rongone, fote naho malio. [15]Bak'ao amy ty vavane ro
miboake ty meso maragnitse ze amy zay ro hamofohane reo firenena, vaho hanapake aiereo amy ty fitogno vy
reke. Magnitsake ao amy ty fananigna ty siake ty fasiaky ty Andragnahare reke. [16]Mana agnara voasoratse eo amy
ty akanjo lavane eo amy ty feine reke tihoe: "Mpanjakany reo mpanjaka naho Tompony reo tompo."[17]Nahisake
anjela nitsanga teo amy ty masoandro raho. Nikaike tamy ty feo mafe reo voro mitily ambone iaby reke tihoe:
"Avia, mivoria ho ahy ty fete bey ty ANdragnahare. [18]Avia ihina ty nofotse reo mpanjaka, ty nofotse reo mpitari-
tafike, nofotsy reo lehilahy mahere, ty nofotsy reo soavale naho reo mpinjo zay, vaho ty ty nofoptsy ty lihilahy
iaby, ty afake naho ty anddevo, ty tsy manan-danja naho ty mahere."[19]Nahisake bibi-ly naho reo mpanjaka ty tane
niarake tamy ty tafiky reo raho. Nivory iareo soa hiale amy ty raeke ze ninjo ty soavale naho amy ty tafikine.
[20]Voasambotse iaze babai-ly vaho niarake tamine ty mpitoke sandoke ze nanao reo famantara teo agnatrehane
reo ze nandrabe ty marike ty bib-ly naho reo ze nanompo ty sarine. Iareo roe le natorake vewlo tao ampo
sihinak'afo mirehitse solifara.[21]Ty amby iareo le nivonoa tamy ty meso ze niboaky ty vava ty raeke ze ninjo ty
soavale. Ty voro iaby nihina ty nofotse iareo.



generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

## Chapter 20

[1]Vaho nahisake anjele nizotso bak'agne an-dagnitse raho. Nana ty lakile ty lavake tsy hisake ty hiarane reke, vaho
nana silisily foloay tegne an-tagnane. [2]NIsambotse ahy iaze dragno reke, ty menara taolo, iaze devole, na satana,
vaho nifehizine arivo tao. [3]Natorane tagne amay ty lavake tsy hisake ty hiafarane reke, nafodine zay vaho nasia
tombo-kase teo amine. Natao zay soa hamitane ty firenena maro sase mandra-pahatapitse ty arivo tao. Afara zay,
le tsy maintse havototse fotoa kelekele reke.[4]Vaho nahisake seza fanapha maro raho. Nitoboke teo ambonine reo
ze nomea fahefa mitsara. Nahisake ty fagnahy reo ze nitapahin-doha raho noho ty fijoroa vavolombelo mikasike
ahy ndre Jesosy vaho noho ty tsara ty Andragnahare. Tsy nihohoke tamy ty bibi-ly na tamy ty sarine iareo, vaho
iareo le nandà ty handrambe ty marike ty bibi-ly teo amy ty handrine na teo amy ty tagnane. Lasa velo ndraeke
iareo, vaho nanjake niarake tamy ty ndre Kristy agnate ty arivo tao.[5]Ty amby reo mate le tsy velo
mandrapahatapitse ty arivo tao. Zayro fitsangana voalohane. [6]Vototse vaho mase ze ndaty mana anjara amy ty
fitsangana voalohane! Eo agnatreha zay le tsy manan-kere ty fahafatesa faharoe. Iareo le ho mpisoro ahy ty
Andragnahare naho Kristy vaho hanjaka miarake Amine agnate ty arivo tao.[7]Lafa tapitse ty arivo tao, le hovaha
ao amy ty tragnomaikine Satana. [8]Hiboake reke soa hamitake ty firenena maro egne amy ty vazan-tane
efatse__goga naho Magoga__soa handay aiereo miarake ho agne amy ty ale. Iareo le ho maro manahake ty fasike
ty ranomasy.[9]Niakatse teo ambone ty tane lemake iareo vaho nagnodide ty kianja reo mpino, iaze tanà tea. Feie
nisy afo nizotso bak'agne an-dagnitse vaho nandrava aiereo. [10]Ty devole, ze namitake aiereo, le natorane tao amy
ty sihanake afo solifara, toera ze hanipaza ty bibi-ly naho tsy mpitoke sandoke. Vaho ho ampijalea andro amy ty
halike zisikam-parane vaho zisikam-parane iareo.[11]Vaho nahisake seza fanapaha fote bey raho naho iaze
nitoboke teo ambonine. Ty tane naho ty lagnitse le nilay ty fagnatrehane, feie tsy nnisy toera andehana iareo.
[12]Nahisake ty mate raho__ty bey vaho ty kele__nitsanga teo agnolo ty seza fanapaha, vaho nivelare reo boke. Vaho
nisy boke raeke nivelare__Ty Boky ty Fiaina. Ty mate le nitsara arake ze voasoratse tao amy reo boke, arake reo
asane.[13]Ty ranomasy namoake ty mate ze tao agnatine. Ty fahafatesa naho rei fiaignan-tsy hisake le nammoake ty
mate ze tao amy iareo, vaho ty mate le nitsara arake ty raraha nanoene. [14]Ty fahatesa naho ty fiaignan-tsy hisake
le natorane tao amy ty sihanake afao. [15]Laha nisy agnara tsy hisake voasoratse ao amy ty Boky ty Fiaigna, le
natorake tao amy ty sihanake afo.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025

Chapter 21

[1]Bak'eo raho nahisake lagnitse vaovao naho tane vaovao, te rava tsy lagnitse voalohane naho ty tane voalohane,
vaho tsy nisy sase ty ranomasy. [2]Hisako iaze tanà mase, Jerosalema vaovao, ze nizotso bak'agne an-dagnitse
bak'amy ty Andragnahare, voaoma manahake ty ampakare ampihamine ho ahy ty valine.[3]Nahajanje feo mahere
bak'agne amy ty seza fanapaha raho manao tihoe: "Ingo! Eo amy ty ndaty toera ty tabernakele ty Andragnahare,
vaho hiay miarake amy iareo reke. Ho ndatine iareo, vaho Andragnahare vatane hiarake amy iareo vaho Reke ho
Andragnahare iareo. [4]Hamafa ty ranomaso iaby amy ty maso iareo Reke, vaho tsy hisy fahattesa sase, na lahelo.
na tomagne, na fanaintaigna. Fa lasa reo raraha teo aloha.[5]Iaze raeke ze nitoboke teo amym ty seza fanapaha
nitsara tihoe: "Ingo! Nataoko vaovao ty raraha iaby." Nanao tihoe Reke: "Sorato zao satria reto tsara reto le azo
antoko naho to." [6]Nanao tihoe Reke tamiko: "Fa vita reo raraha reo! Raho ro Alfa naho Omega, iaze fiandoha naho
fiafara. Ze maran-drano le homeiko ho inome maimaim-poa bak'amy ty loharano ty fiaigna.[7]Ze mandrese le
handova reo raraha reo, vaho Raho ro ho Andragnahare, vaho reke ho anako. [8]Te reo maleme, tsy manam-pinoa,
mamparihy, mpamono ndaty, mpijangajanga, mpanao aole, mpanompo sampe, naho mpavande, le agne amy ty
sihanake mirehits'afo solifara ro toera iareo. Zay ro fahafatesa faharoe."[9]Namonje ahike ty raeke tamy reo anjele
fito, iaze raeke ze nana reo lovia fito feno reo loza fito farane, vaho nanaho tihoe reke: "Bak'etoy. Ho amboako
anao iaze ampakare, iaze vale ty Anak'aondre." [10]Bak'eo le nandesine tamy ty Fagnahy tagne amy ty vohitse ambo
raho vaho nasehone ahike iaze Jerosalame tanà masy milike bak'agne an-dagnitse bak'amy ty Andragnahare.
[11]Nana ty hasy ty Andragnahare re Jerosalema, vaho ty famirapiratane le manahake ty vato soa lafovile,
manahake ty vato kristalina jaspy malio. [12]Nana rindry ambone bey niarake tamy ty vavahade folo roa ambe teo
amy ty vavahade. Teo amy reo vavahade ro voasoratse ty agnara reo foko folo roa ambe Anagn'Israely. [13]Nisy
vavahade telo reo antignana, vavahade telo teo avaratse, vavahade telo teo atimo, vaho vavahade telo teo
andrefa.[14]Nana vototse folo roa mabe ty rindre iaze tanà, vaho teo amy reo ro nisy reo agnara folo roa ambe ty
apostoly ty Anak'aondre. [15]Iaze raeke ze nirehake tamiko le nana fandrefesa volotara vita tamy ty volamena soa
handrefesa ty tanà, reo vavahadine, vaho ty rindrine.[16]Mitove efa-joro iaze tanà; mitove ty lavane naho ty trone.
Nadrefe ty tanà tamy iaze fandrefesa volotara reke, roa arivo satadio ty halavane (mitove ty lavane, vaho
hahabone). [17]Nandrefe ty rindry zay kea reke, 114 kilometatse laha refy ty ndaty (ze refe ty anjele avao kea).[18]Vita
tamy ty jaspy iaze rindre vaho tamy ty volamena tsy misy fangarone, manahake ty fitaratse malio. [19]Ty fotots'iaze
rindry le voaravake tamy reo karaza vato lafovile iaby. Ty voalohane le jaspy, ty faharoa safira, ty fahatelo
kalkedona, ty fahefatse emeralda, [20]ty fahadimy sardoniksa, ty fahaene karneola, ty fahafito krystolita, ty
fahavalo beryla, ty fahasivy topaza, ty fahaflo krysopraso, ty faha flo raek'ambe ty folo jacinta, faha roa amby ty
folo ametysta.[21]Ty vavade folo roa ambe ty folo le vato soa folo roa ambe; ty kiraikiraike amy reo vavahade le vita
tamy ty vato soa rake. Reo lalam-bey teo an-tanà le volamena tsy misy fangarone, manahake ty fitaratse
mangarahara. [22]Tsy hahisake tempole tao ammy ty tanà raho, satria Tompo Andragnahare naho ty Anak'aondre
ro tempole.[23]Ty tanà le tsy nipay masoandro na vola soa hamirapiratse amy zay satria ty hasy ty Andragnahare le
namirapiratse tamy zay, vaho ty Anak'aondre ro jiro zay. [24]Handeha amy ty fahazava zay tanà zay reo firenena.
Reo mpanjaka ty tane le handay ty hasoa iareo ho ao amy zay.(Fagnamariha: Ty horon-taratasy taloha ilane le
mivake tihoe: "Reo firenena ze voavonje le handeha amy ty fahazava zay tanà zay.") [25]Tsy hily reo vavahade zay
agnate ty andro, vaho tsy hisy halike agne.[26]Handay ty fahatsara naho ty haja reo firenena ao amy zay iareo,
[27]vaho tsy hisy maloto hizilike ao amy zay zao. Tsy misy na ia na ia hanao raraha mahamegnatse na mamitake
hizilike ao, te reo ze voasoratse agnara ao amay ty Boky ty Anak'aondre ty Fiaigna avao.

Chapter 22

[1]Vaho naseho iaze anjele ahike iaze sihanake ty rano ty fiaigna, malio manahake ty kristale. Zay le mandeha
bak;agne amy ty seza fanapaha ty Andragnahare naho ty Anak'aondre [2]mamakivake eo ampagnivoa ty lala ty
tanà. Vaho ty ilane roe amy ty sihanake sambe misy iaze hetae ty fiagna, mamoa ty voane isam-bola. Ty ravy zay
hetae zay le natao hagnafake ty firenena iaby.[3]Le tsy hisy saser ty voahozo. Ty seza fanapaha ty Andragnahare
naho ty Anak'aondre le ho ao amy ty tanà, vaho reo mpiasane le hanompo Aze. [4]Hahisake ty Tarihine iareo, vaho
ty Agnarane le ho eo amy ty handre iareo. [5]Le tsy hisy halike sase; iareo le le tsy mipay fahazava ty jiro na ty
masoandro sase satria ty Tompo Andragnahare ro hazava eo amy iareo. Vaho hanjaka zisikam-parane agne iareo.
[6]Nanao tihoe iaze anjele tamiko: "Reo tsara reo le azo atokisa naho to. Ty tompo, iaze Andragnahare reo fagnahy
reo mpitoke, le nandefa ty anjeline soa hampiseho ze raraha tsy maintse hiseho tsy ho ela amy reo mpiasane."
[7]Ingo! Fa marine ty fiaviako! Vototse ze magnina reo tsara ty fitokie amy toy boke toy."[8]Raho, Jaona, iaze raeke ze
nahajanje naho nahisake reo raraha reo. Lafa nahajanje naho nahisake zay raho, le nihohoke teo amy ty tombo
iaze anjele ty vatako soa hiantsa aze, iaze anjele ze nampiseho ahike reo raraha reo. [9]Nanao tihoe reke tamiko:
"Ko manao zay! Te mpiasa namanao miarake aminao raho, miarake amy reo mpitoke rahalahinao, vaho miarake
amy reo ze mankàto reo tsara toy boke toy. Miantsà ahy ty Andragnahare!"[10]Nanao tihoe reke tamiko: "Ko asia
tombo-kase reo tsara ty fitokia amy toy boke toy, te antomotra ty fotoa. [11]Ze manao ty tsy to, apoho reke hanohy ty
tsy fahamarigna. Ze maloto fiaigna, apoho reke hanohy ty fiaignane maloto. Zay to, apoho reke hanohy ty
fanaova ty to. Ze mase, apoho reke hanohy ty fahamasigna."[12]"Ingo! Fa marinike ty fiaviako. Ty valesoako le
miarake amiko, soa hamaleako ty kiraikiraike artake ty zaka-vitane. [13]Raho ro Alfa naho Omega, ty voalohane
naho ty farane, ty fiandohane naho fiafara.[14]Vototse reo ze manasa ty akanjo iareo soa hahazo alala mihina
bak'amy ty hazo tyy fiaigna naho hiditra ao amy ty tanà bak'eo amy vavade. (Fagnamariha: Laha tokone: "Vototse
reo ze manasa ty akanjo iuareo." REo horon-taratay hafa taloha le mivake tihoe: "Vototse reo ze manao ty liline.")
[15]Te agne ambalike reo alika, reo mpanao aole, reo mpijangajanga, reo mpiasa ndaty, reo mpiasa sampe, vaho ze
iaby tea mavande naho reo mpavande.[16]Raho, Jesosy, le nadefa ty anjeliko soa hagnambara aminareo reo raraha
ho ahy reo hitalily aminareo reo raraha ho ahy reo fiangona. Raho ro vahane naho tarana ndre aDavida, iaze
vasia mamirapiratse maraindray."[17]Ty fagnahy naho ty Ampakare manao tihoe: "Avia!" Lonike ze mahajanje
hitsara tihoe: "Avia!" Na ia na ia marandrano, lonike reke hamonje, vaho na ia na ia magnire zay, lonike reke
hahazo maimaim-poa ty rano ty fiaigna.[18]Raho le mitalily amy zay iaby mandre ty tsara ty fitokia amy toy boke
toy: "Laha misy magnampe reo, Andragnahare hagnampe loza ho aze ze voasoratse ao amy toy boke toy. [19]Laha
misy magnafake ty tsara fitokia amy toy boky toy, Andragnahare le hagnafake ty anjarane amy ty hetae ty fiaigna
naho ty tanà mase ze voasoratse ao ampo toy boke toy." (Fagnamariha: Ty horon-tarattase taloha le mivake tihoe:
"Andragnahare hagnafake ty anjarane ao amy ty Boky ty Fiaigna vaho ao amy ty tanà mase ze voasoratse ao amy
toy boky toy.")[20]Nanao tihoe iaze raeke mitalily reo raraha reo: "Eka! Fa marine ty fiaviako." Amena! Avy, Tompo
Jesosy! [21]Ho amy ty ndaty iaby ty fahasoava ty Tompo jesosy. Amena.


generated on Sat Jan 4 23:35:15 2025